# Saontsin’ Añahare

The Holy Bible in the Tandroy language of Madagascar

# Saontsin' Añahare

## The Holy Bible in the Tandroy language of Madagascar

## La Sainte Bible en langue tandroy de Madagascar

Copyright © 2023 Steve Lellelid

Language: Tandroy (Malagasy, Tandroy-Mahafaly)

DRAFT VERSION

This translation is made available to you under the terms of the Creative Commons Attribution Share-Alike license 4.0.

You have permission to share and redistribute this Bible translation in any format and to make reasonable revisions and adaptations of this translation, provided that:

You include the above copyright and source information.

If you make any changes to the text, you must indicate that you did so in a way that makes it clear that the original licensor is not necessarily endorsing your changes.

If you redistribute this text, you must distribute your contributions under the same license as the original.

Pictures included with Scriptures and other documents on this site are licensed just for use with those Scriptures and documents. For other uses, please contact the respective copyright owners.

Note that in addition to the rules above, revising and adapting God's Word involves a great responsibility to be true to God's Word. See Revelation 22:18-19.

2024-05-03

---

PDF generated using Haiola and XeLaTeX on 3 May 2024 from source files dated 3 May 2024

25d648f1-3cb3-5c21-a9e0-49038eca9d1c

Contents

Foto’e . . . 1
Avotse . . . 59
Soroñe . . . 107
Volily . . . 139
Indra-Tsara . . . 185
Iehosoa . . . 227
Mpizaka . . . 253
Rote . . . 280
Samoele I . . . 284
Samoele II . . . 319
Mpanjaka I . . . 350
Mpanjaka II . . . 384
Fiantoñoñe I . . . 416
Fiantoñoñe II . . . 446
Ezra . . . 482
Nekemia . . . 493
Estere . . . 508
Iobe . . . 517
Sabo . . . 571
Razan-tSaontsy . . . 715
Mpañoke . . . 765
Sabo Talango’e . . . 778
Iesaià . . . 789
Iirmeà . . . 903
Firovetañe . . . 1005
Iekezkèle . . . 1017
Daniele . . . 1074
Hosèa . . . 1091
Ioèle . . . 1108
Amose . . . 1114
Obadià . . . 1127
Ionà . . . 1129
Mikà . . . 1132
Nakòme . . . 1141
Kabakòke . . . 1145
Tsefanià . . . 1150
Kagày . . . 1155
Zekarià . . . 1157
Malaký . . . 1168
Matio . . . 1174
Marka . . . 1219
Lioke . . . 1245
Jaona . . . 1286
Tolom-Piràhe’e . . . 1315
Roma . . . 1354
Korinto I . . . 1371
Korinto II . . . 1386
Galate . . . 1396

Efesosy . . . . . 1402
Filipy . . . . . 1408
Kolosia . . . . . 1412
Tesalonika I . . . . . 1416
Tesalonika II . . . . . 1420
Timoty I . . . . . 1422
Timoty II . . . . . 1427
Titosy . . . . . 1431
Filemona . . . . . 1433
Hebreo . . . . . 1434
Iakobe . . . . . 1447
Petera I . . . . . 1451
Petera II . . . . . 1456
Jaona I . . . . . 1459
Jaona II . . . . . 1463
Jaona III . . . . . 1464
Joda . . . . . 1465
Bentatse . . . . . 1467

# Foto’e

*Ty Fitoloñañe Eneñ’ andro*
*Fot 2.4b-9; Iob 38.4-11; Jao 1.1-5*

1 Tam-pifotorañ’ añe, namboaren’ Añahare o likerañeo naho ty tane toy, 2 ie amy
zay tsy amam-bintañe naho kòake ty tane toy naho nimoromoroñe ty an-tarehe’ i
lalekey, vaho nihelahela ambone’ o ranoo t’i Arofon’ Añahare.
3 Hoe t’i Andriananañahare: Ampiloneahan-kazavàñe; le nisodehan-kazavàñe.
4 Nivazohon’ Añahare i hazavañey te nisoa, le navahen’ Añahare amy ieñey i
hazavàñey, 5 nataon’ Añahare ty hoe Andro i hazavàñey vaho nanoe’e ty hoe Haleñe
i ieñey. I haleñey vaho i antoandroy—ty andro valoha’e.
6 Le hoe t’i Andriananañahare: Ampiboahan-dañelañe añivo’ o ranoo hisitaha ’ ty
rano ami’ty rano. 7 Aa le namboaren’ Añahare i lañelañey vaho navì’e amy rano
ambone’ i lañelañey ty rano ambane’ i lañelañey. Le zay ty ie. 8 Nataon’ Añahare
ty hoe likerañe i lañelañey. I haleñey vaho i antoandroy—ty andro faharoe.
9 Le hoe t’i Andriananañahare: Hatontoñe antoetse raike o rano ambane’ i likerañeio
hiboaha’ ty tane maike. Le zay ty ie. 10 Nataon’Añahare ty hoe Tane i maikey, naho
ty hoe Riake o rano nifanontoñeo, le nivazohon’Añahare te soa.
11 Aa le hoe t’i Andriananañahare: Ampitiriañ’ ahetse i taney, rongoñe mamoa voa
naho hatae mamoa voa rekets’ àta’e ty amy karaza’ey. Le zay ty ie. 12 Aa le nitirian’
ahetse ty tane toy, rongoñe mamoa voa ty amy karaza’ey, vaho hatae mamoa voa
rekets’ àta’e, ty amy karaza’ey. Le nivazohon’ Añahare te soa. 13 I haleñey vaho i
antoandroy—ty andro fahatelo.
14 Le hoe t’i Andriananañahare: Ampiboaheñe failo i lañelañen-dikerañey hañavake
ty antoandro ami’ty haleñe ho vintañe naho famotoañañe naho andro vaho taoñe;
15 ho jiro amy lañelañen-dikerañey hañilo ty tane toy. Le zay ty ie. 16 Le namboaren’
Añahare ty jiro roe jabajaba—hifehe ty andro ty jiro bey naho hifehe ty haleñe ty
jiro zai’e—vaho o vasiañeo. 17 Aa le napon’Añahare amy lañelañen-dikerañey iereo
hañilo ty tane toy 18 hamehe ty andro naho ty haleñe vaho hañavake i ieñey amy
hazavàñey. Nivazohon’ Añahare te soa. 19 I haleñey vaho i antoandroy—ty andro
fah’ efatse.
20 Le hoe t’i Andriananañahare: Ampifamorohoteñe raha veloñe hangetseketseke
o ranoo, naho ampitiliñem-boroñe ty ambone’ tane toy an-tarehe’ i lañelañen-
dindìñ’ey. 21 Le namboaren’ Añahare o fañanen-driakeo naho ze hene raha veloñe
mihetseke, mifamorohotse amo ranoo, ty amy karaza’ey, naho ze hene voroñe
reketse elatse ty amy karaza’ey. Le nivazohon’ Añahare te soa. 22 Nitatan’ Añahare
iereo ami’ ty hoe : Manaranàha le mangetseketseha, atsafo o ranon-driakeo, vaho
ampangorokitsiheñe voroñe ty an-tane atoy. 23 I haleñey vaho i antoandroy —ty
andro faha-lime.
24 Le hoe t’i Andriananañahare: Hampanaranàheñe an-tane atoy ze raha veloñe iaby
ty amy karaza’ey: o hareo, naho o raha milalio naho ze hene bibi’ ty tane toy, ty
amo karaza’eo. Vaho zay ty ie. 25 Le namboaren’ Añahare o bibi’ ty tane toio amo
karaza’eo, naho ze karazan’ añombe iaby vaho ze hene karaza-biby misitsitse an-tane
atoy. Le nivazohon’ Añahare te soa.
26 Le hoe t’i Andriananañahare: Antao hamboatse ondaty* hambam-bintañ’ aman-
tikañe, hifañoronkoroñe aman-tika, hifehe o fian-driakeo naho o voron-tiokeo naho
o bibio naho ty tane toy iaby vaho ze biby misitsitse an-tane atoy. 27 Aa le

* **1:26** Heb. Adàme

namboaren' Añahare mirai-bintañe ama'e t'indaty, hambam-bintañe aman' Añahare
ty namboare'e aze, lahilahy naho ampela ty nitsene'e iareo.
28 Nitataen' Añahare iereo, le hoe t'i Andriananañahare ama'e: Manaranàha le
mangetseketseha naho atsefo ty tane toy vaho feleho; le feheo o fian-driakeo naho
o voron-tiokeo vaho ze biby misitsitse an-tane atoy. 29 Le hoe t'i Andriananañahare,
Heheke te natoloko anahareo ze hene ahetse mamoa ambone' ty tane toy, naho ze
fonga hatae mamoa rekets' àta'e ty am-po'e ao, ho fikama'areo. 30 Aa ty amo hene
bibi' ty tane toio naho ze fonga voron-tioke vaho ze raha misitsitse an-tane atoy,
ze kila raha veloñe, le nimeako ze hene ahets'antsetra ho haneñe. Le zay ty ie.
31 Nivazohon' Añahare o raha namboare'e iabio le hehe te soa. I haleñey vaho i
antoandroy—ty andro fah' eneñe.

# 2

### *Fitofañe**

1 Aa le nifonitse ty tane toy naho o likerañeo naho ty fitozantoza' iareo. 2 Nifoniren'
Añahare ami'ty andro faha-fito i fitoloña'ey, le nitroatse ami'ty andro faha-fito
amo hene tolon-draha nanoe'eo; 3 Le nitahien' Añahare ty andro faha-fito vaho
nimasiñe'e, amy te ama'e ro nitroara'e amy ze nitsenèn' Añahare iaby, hamokara'e
ka.

### *Soniam-Panokitse Valoha'e*

4 Inay ty fanoñonañe o likerañeo naho ty tane toy amy fañamboarañe iareoy.

### *Talily Tovo'e amy Fañamboarañey*

Tamy sa namboare' Iehovà Andriañahare ty tane toy naho o likerañeoy 5 naho
mbe tsy tan-tane ao ze hataen-kivoke naho taolo' ty nitiria' ze ahetse am-patrañe ao,
vaho mboe tsy nampahavie' Iehovà Andriañahare orañe ty tane, fa tsy teo ty ondaty
hahava i taney; 6 fe niboahan-jono ty tane ze nahatondra-drano ty ambone' ty tane
toy iaby; 7 le namboare' Iehovà Andriananañahare ami'ty lembon-tane t'indaty naho
nikofoha'e tion-kaveloñe o lalam-piantsona'eo vaho ninjare fañova veloñe indatiy.
8 Le nañalahala goloboñe maniñanañe e Edene ao t'Iehovà Andriananañahare, vaho
navotra'e ao indaty namboare'ey. 9 Le nampitirie' Iehovà Andriananañahare boak' an-
tane ao ze karazan-katae soa am-pivazohoañe naho mafiry am-pikamañe, le añivo'
i goloboñey ao ty hataen-kaveloñe naho ty hataem-paharendrehañe ty soa naho ty
raty.
10 Nikavavàke boak' Edene ao ty oñe handeñe i goloboñey, ie boak' ao le nivaky
efatse. 11 Pisone† ty añara' ty valoha'e, mañariari' i hene tane' Kavilày‡, ie amam-
bolamena; 12 soa ty volamena' i taney; añe ty bedolake§ naho ty vato antsetra.
13 Gihone* ty añara' i oñe faharoe mitsikarioke era' i tane Kosiy†. 14 Hidiklà‡ ty
añara' i fahateloy ze miary atiñana' i Asore§; vaho i Perate* t'y oñe fah'efatse.
15 Navotra' Iehovà Andriananañahare an-Golobo' i Edene ao indatiy hañalahala
naho hañambeñ' aze. 16 Le hoe ty linili' Iehovà Andriananañahare am'indatiy,
Azo'o ikamañe ze hene hatae amy goloboñey ao; 17 fe ko ikamà'o ty hataem-
paharendrehañe ty soa naho ty raty, fa toe hivetrake rehe ami'ty andro ikama'o
aze.
18 Le hoe t'Iehovà Andriananañahare, Tsy mahasoa indatiy te ho tokañe, hamboarako
mpañimba mañeva. 19 Aa le boak' amo taneo ty namboare' Iehovà Andriananañahare

* 2: Heb. Sabata (SBT), boak' ama'e ty hoe Sabotse (SBT) fitofàñe, ty andro faha-7. † 2:11 Pisone: miparaitake
‡ 2:11 Kavilà: fasiheñe; mifeake firifiry; § 2:12 Liten-katae mañitse, ndra hange. * 2:13 Gihone: torahañe;
vavatanem-palalàñe † 2:13 Kose: mainte; o nte-Kosio, Etiopia ‡ 2:14 Idiklà: Ty saka Tigrisy misorotombake
§ 2:14 Asore: mpamandroñe; mpisamba * 2:14 Perate: mitotsake; maha-tobake

ze kila bibin-kivoke, naho ze hene voron-tioke vaho nendese’e am’ indatiy hivazoho ze sindre ho tokava’ indatiy aze; aa le ze nitokava’ indatiy ty raha veloñe, le zay ty
añara’e. [20] Nimea’ indatiy añarañe ze hene hare naho voron-tioke, vaho ze biby ampatrañe añe iaby; fa naho indatiy, tsy nioniñe ty mpañolotse mañeva aze. [21] Aa le
nampifetsaha’ IEHOVÀ Andrianañahare am’indatiy ty rotse miheotse, naho ie nirotse le nafaha’e ty pa’e raike vaho nakite’e amy toe’ey ty nofotse. [22] Nitsene ampela
t’IEHOVÀ Andrianañahare amy rinambe’e añ’ila’ indatiy vaho nasese’e am’indatiy.
[23] Le hoe indatiy,
Itoy henaneo ty taola’ o taolakoo naho ty nofo’ o nofokoo;
le hatao Rakemba† re
amy te lahilahy‡ ro nañakarañe aze.
[24] Aa le mienga ty rae’e naho i rene’e t’indaty le mipitek’ ami’ty vali’e vaho nofotse
raike iereo. [25] Ie amy zay, songa nibongy indatiy naho i vali’ey fe tsy nimeñatse.

# 3

*ty Hakeo Valoha’e*
*Rom 5.12-21*

[1] Nahay fañahy mandikoatse ze kila karaza-biby namboare’ IEHOVÀ Andrianañahare an-kivok’ ao ty mereñe. Hoe re amy rakembay: Toe nanao ty hoe hao t’i Andrianañahare: Tsy ikama’ areo ze hatae amy goloboñey ao?
[2] Hoe ty natoi’ i rakembay amy mereñey: Azo’ay haneñe o voan-katae amy
goloboñeio. [3] Fe hoe ty nitsaraen’ Añahare ty amy hatae raik’ anteñateña’ i goloboñey: Tsy ihihinana’ areo vaho tsy ho tsapae’ areo, tsy mone hivetrake.
[4] Le hoe ty asa’ i mereñey amy rakembay, Toe tsy hihomake nahareo, [5] fa arofoanan’ Añahare te hibolanake ty fihaino’ areo amy andro ikama’ areo aze le ho hambañ’ aman’ Añahare mahafohiñe ty soa naho ty raty.
[6] Aa naho nioni’ i rakembay te soa kamaeñe i hatae zay, naho nahasinda ampihaino naho hatae salalaeñe kanao mampahilala, le nampipototse ty voa’e naho nikama le nanjotsoa’e ka t’i vali’e nindre ama’e, vaho nikama re. [7] Nibeak’ amy zao
ty fihaino’ iareo roroe naho naharendreke te sambe niboridañe le navitra’ iareo anjaitse ty raven-tsakoa vaho nanoa’ iareo kitambe. [8] Jinanji’ iareo ty fiarañanaña’
IEHOVÀ Andrianañahare, ie nidraidraitse an-goloboñ’ ao naho nitiotio-drikoñe i àndroy, le nipalitse amo hatae an-goloboñeo indatiy naho i tañanjomba’ey tsy
hiatreke am’IEHOVÀ Andrianañahare. [9] Le kinanji’ IEHOVÀ Andrianañahare indatiy
amy ty hoe: Aia v’iheo? [10] Tinoi’e ty hoe: Tsinanoko amy goloboñey Rehe, le
nihemban-draho fa nibongy vaho nietake. [11] Le hoe Re: Nivolaña’ ia te ihe nihalo?
Nihinana’o hao i hatae nandrarako azo tsy ihinanañey? [12] I rakemba natolo’o ho mpiamakoy, hoe indatiy, ie ty nanjotso amako boak’amy hataey vaho nihaneko.
[13] Aa le hoe t’IEHOVÀ Andrianañahare amy rakembay: Inoñ’ o nanoe’oo? Kinalita’ i
mereñey, hoe i rakembay, le nihinan-draho. [14] Hoe t’IEHOVÀ Andrianañahare amy
mereñey :
Amy te ihe nanao zao,
le fàtse rehe
amy ze kila hare naho ze hene bibin-kivoke.
Hilalilaly an-tro’o rehe, le deboke ty ho filintse’o amy ze fonga andro hiveloma’o.
[15] Le hampirafelahieko amy rakembay,
naho o tarira’oo amy tarira’ey.
Ho demohe’e ty loha’o
vaho ho vonotrobohe’o i tomi’ey.

† **2:23** Heb. isà ‡ **2:23** Heb. ìse

16 Hoe Re amy rakembay :
Ho silofeko ty fioremeña'o,
le hanivontivoñe ty fitsongoa'o,
t'ie misamak' anake.
Ho fañiriña'o ty vali'o, vaho ie ty hifehe azo.
17 Le hoe ka Re tamy Dame :
Amy te nihaoñe'o i vali'oy vaho
nikama'o i hatae nandraràko azoy
ami'ty hoe : Ko ikama'o;
le ho hotohotoeko ty ama'o o taneo.
Le an-kamokorañe ty hikama'o ama'e
ze hene andro hiveloma'o.
18 Hitiria'e fatike naho hisatse,
le hikamae'o ze tirin-traka am-patrañe ao.
19 Ami'ty liñe' o lahara'oo ro hikama'o mahakama ampara' t'ie himpoly an-debok' ao;
fa tama'e ty nandrambesañ' azo,
lemboke rehe;
le mb'an-deboke ty himpolia'o.

20 Natao' indatiy Haova* ty añara' i vali'ey, amy t'ie ro rene' ze hene veloñe.
21 Namboara' IEHOVÀ Andriananañahare saron-kolitse indatiy naho i vali'ey le naombe'e am'iareo.
22 Le hoe t'IEHOVÀ Andriananañahare, Ingo te ninjare hoe raik' aman-tika indatiy,
maharendreke ty soa naho ty raty. Aa tsy mone hahiti'e ty taña'e hampipototse
amy hataen-kaveloñey ka, hikama'e ho veloñe nainai'e; 23 le nampiavote' IEHOVÀ
Andriañahare amy goloboñe Edeney re handrokake i tane nandrambesañ' azey. 24 Aa
le sinoi'e añe indatiy vaho nampijadoñe'e kerobe reke-pibara nibela niviombioñe ty
atiñana' i goloboñe Edeney higaritse ty lala' i hataen-kaveloñey.

# 4

*Mañe-doza amy Hèbele t'i Kàine*

1 Nandrèndreke i Haova, vali'e t'i Dame, le nivesatse naho nisamake i Kàine vaho
nanao ty hoe: Nahazoako lahilahy t'IEHOVÀ. 2 Nisamake indraike re, le i Hèbele zai'e.
Nimpihare añondry t'i Hèbele le nimpiava tane t'i Kàine. 3 Ie te indraike, nibanabana
ty lengom-boñe' i taney am' IEHOVÀ t'i Kàine, 4 le ninday ty valohan' ana' o hare'eo
naho ty sabora'e t'i Hèbele. Aa le nitoliha' IEHOVÀ t'i Hèbele naho i banabana'ey,
5 fe tsy hinao'e t'i Kàine naho i enga'ey. Niforoforo ami'ty habose'e amy zao t'i
Kàine vaho nilonjom-bintañe 6 Inoñe ty iviñera'o hoe t'IEHOVÀ amy Kàine vaho ino
ty mahalonjets' azo? 7 Tsy hiampokòfañe hao rehe naho toloñe'o ty hiti'e? Aa naho
tsy soa ty anoe'o le mangonònoke anjili-dalañe ao ty hakeo milelalela te hahazo azo,
f'ie feheo.
8 Nifanaontsy amy Hèbele rahalahi'e t'i Kàine, aa ie nimb'an-teteke mb' eo,
niambotraha' i Kàine t'i Hèbele naho nañohofa'e loza. 9 Aa le hoe t'IEHOVÀ amy
Kàine, Aia t'i Hèbele rahalahi'o? Tsy fantako, hoe re, mpiambeñ' an-drahalahiko
hao raho? 10 Hoe re: Ino o nanoe'oo? Inao! mitoreo amako boak' an-tane ao
ty feon-dion-drahalahi'o; 11 le fa nafà' i taney rehe henane zao, ie nanoka-bava
handrambe an-taña'o i lion-drahalahi'oy. 12 Aa ie miava tane henane zao le tsy
hafoe'e ama'o ty haozara'e; ie ho mpirererere naho mpitralantralañe an-tane atoy.
13 Hoe t'i Kàine am' IEHOVÀ, Tsy leoko babeñe o fandilovañe ahio; 14 anindroany Rehe
nanao soik' ahy amo tarehe' ty tane toio, naho hampietaheñe amy lahara'oy raho,

* 3:20 Havoa: mpañomey haveloñe

le ho mpiriorio naho mpirerererere an-tane atoy, vaho songa hañoho-doza amako ze
mifanojeha amako. [15] Le hoe t'IEHOVÀ ama'e, Aiy! ho valeñe im-pito ze mamono i
Kàine; vaho namiloñe i Kàine t'i Andriananañahare tsy ho vonoe' ze hifanalaka ama'e.
[16] Aa le nienga boak' añatrefa' IEHOVÀ t'i Kàine, noly an-tane Rerererere*, atiñana' i
Edene añe.

*Ty Fitomboa' Ondatio*

[17] Nifohi' i Kàine ty vali'e, le niareñe, nisamake i Kanòke; ie nañoren-drova vaho
nitokave'e ami'ty añara' i Kanoke ana'e. [18] Nisamake Irade t'i Kanoke; le nisamak' i
Mehojaèle t'Irade le nisamak' i Metosaele t'i Mehojaèle vaho nisamake i Lemeke t'i
Metosaele. [19] Nampirafe roe t'i Lemeke; le natao ty hoe Adae ty raike naho i Zilae ty
raike. [20] Nisamake Iabale t'i Adae; ie ty raem-pimoneñe an-kibohotse naho mpihare.
[21] Natao Iobale ty rahalahi'e, ie ty rae' o mpititike kararàke naho solio. [22] Nisamake
i Tobale-kaine t'i Zilae, ie ty nitsene ze hene haraotse torisìke naho viñe. I Naamae
ty rahavave' i Tobale-kaine.
[23] Hoe t'i Lemek' amo vali'eo:
Tsanoño ty feoko ry Adae naho Zilae;
Ry vali' i Lemekeo: mitsendreña o entakoo:
Vinonoko t'indaty nandratse ahy,
naho ty ajalahy nandafa ahiko.
[24] Aa naho i Kàine ro valeañe im-pito,
Le toe impitompolo fito amby ka
t'i Lemeke.
[25] Nifohi' i Dame indraike i vali'ey, le nisamak' ana-dahy vaho natao'e Sete ty
añara'e, fa hoe i rakembay: Fa nanendre anake ho ahy t'i Andriananañahare handimbe
i Hèbele vinono' i Kàine. [26] Nahatoly anake ka t'i Sete, le natao'e Enose ty añara'e.
Nifototse amy zay te nikanjy ty tahina' IEHOVÀ ondatio.

*Soniam-Panokitse Faharoe*†

Zay ty takelam-piantoño' i Dame.

# 5

*Fiantoñoñe i Nòake*
*1 Tan 1.1-4; Lke 3.36-38*

[1] Amy andro namboaren' Añahare ondatioy le nihambam-bintañe aman' Añahare
ty namboare'e iareo. [2] Lahilahy naho ampela ty namboare'e iareo naho nitahie'e
vaho natao'e ty hoe Ondaty* amy andro namboareñe iareoy.
[3] Ie zato-tsi-telopolo tao t'i Dame, le nahatoly anake hambam-bintañe ama'e vaho
natao'e Sete ty añara'e. [4] Aa ie nisamake i Sete le mbe niveloñe valon-jato taoñe t'i
Dame naho nahatoly lahilahy naho ampela. [5] Aa le sivan-jato tsy telopolo taoñe o
hene andro' i Dame te nivilasy.
[6] Ie niveloñe zato taoñe lim' amby t'i Sete le nisamake i Enose. [7] Mbe niveloñe
valon-jato taoñe fito amby t'i Sete mifototse amy Enose le nisamake lahilahy naho
ampela. [8] Aa le sivan-jato tsy folo-ro'amby taoñe o hene andro' i Sete te nivilasy.
[9] Ie niveloñe 90 taoñe t'i Enose le nisamake i Kanàne. [10] Mifototse amy nahatolia'e
i Kanàney le mbe niveloñe 815 taoñe t'i Enose vaho nisamake lahilahy naho ampela.
[11] Aa le 905 taoñe o hene andro' i Enose te nivilasy.
[12] Ie niveloñe 70 taoñe t'i Kanàne le nisamake i Mahalalila. [13] Mifototse amy
nahatolia'e i Mahalalilay le mbe niveloñe 840 taoñe t'i Kanàne vaho nisamake
lahilahy naho ampela. [14] Aa le 910 taoñe o hene andro' i Kanàne te nivilasy.

* **4:16** Heb: Nod † **4:26** Toe: Dame avao fe tafara bey * **5:2** Heb: Adàme

15 Ie niveloñe 65 taoñe t’i Mahalalila le nisamake Ierede. 16 Mifototse amy
nahatolia’e Ieredey le mbe niveloñe 830 taoñe t’i Mahalalila le nisamake lahilahy
naho ampela. 17 Aa le 895 taoñe o hene andro’ i Mahalalila, vaho nivilasy.
18 Ie niveloñe 162 taoñe t’Ierede le nisamake i Kanoke. 19 Mifototse amy nahatolia’e
i Kanokey le mbe niveloñe 800 taoñe t’Ierede vaho nisamake lahilahy naho ampela.
20 Aa le 962 taoñe o hene andro’ i Ierede te nivilasy.
21 Ie niveloñe 65 taoñe t’i Kanoke le nisamake i Metoselake. 22 Mifototse amy
nahatolia’e i Metoselakey le mbe nindre fañavelo aman’ Añahare 300 taoñe t’i
Kanoke vaho nisamake lahilahy naho ampela. 23 Aa le 365 taoñe o hene andro’ i
Kanoke. 24 Nindre fañavelo aman’ Andrianañahare t’i Kanoke, le lia’e tsy teo, amy
te rinamben’ Añahare.
25 Ie niveloñe 187 taoñe t’i Metoselake le nisamake i Lemeke. 26 Mifototse amy
nahatolia’e i Lemekey le mbe niveloñe 782 taoñe t’i Metoselake vaho nisamake
lahilahy naho ampela. 27 Aa le 969 taoñe o hene andro’ i Metoselake vaho nivilasy.
28 Ie niveloñe 182 taoñe t’i Lemeke le nisamake lahilahy. 29 Natao’e Nòake ty
añara’e le nanao ty hoe: Hañohò antika re ami’ty fifanehafantika naho ami’ty
fitromaham-pitàn-tika boak’ an-tane’ nafà’ IEHOVÀ toy. 30 Mifototse amy nisamaha’ i
Nòakey le mbe niveloñe 595 taoñe t’i Lemeke vaho nisamake lahilahy naho ampela.
31 Aa le 777 taoñe o hene andro’ i Lemeke te nivilasy.
32 Lim’anjato taoñe t’i Nòake, le nisamake i Seme naho i Kame vaho Ièfete t’i
Nòake.

# 6

*Ty Hatsereha’ Ondatio*

1 Nangetseketseke ty ia’ ondaty an-tane atoy vaho nisamak’ ampela 2 le nioni’ o
anan’ Añahareo te montramontra o anak’ ampela’ ondatio naho nañenga ze nitea’e.
3 Aa le hoe t’IEHOVÀ, Tsy hifanjomotse am’ ondatio nainai’e ty Troko, amy t’ie nofotse,
le ho zato-tsi-roapolo taoñe ty andro’e.
4 Ambone’ tane atoy tañ’andro zay o Nefalèo naho mbe tafara ka, le vinonje’ o
anan’ Añahareo o anak’ ampela’ ondatio vaho nanaranake. Toe nifanalolahy haehae
iereo, nilahitsiay.
5 Nivazoho’ IEHOVÀ ty halosoran-katsereha’ ty tane toy naho te nitolon-karatiañe
avao ty fivetsevetsen-tro’ iareo. 6 Le naneñena’ IEHOVÀ te namboatse ondaty an-tane
atoy vaho nanahelo añ’ arofo’e ao. 7 Aa le hoe t’IEHOVÀ, Ho faopaoheko ami’ty tane
toy ondaty nitsenèkoo, fonga ondaty naho biby naho o raha misitsitseo vaho o voron-
tiokeo fa aneñenako t’ie namboareñe. 8 Fe nahaoni-pañisohañe am-pihaino’ IEHOVÀ
t’i Nòake.

*Soniam-Panokitse Fahatelo*

9 Zay ty fanoñona’ i Nòake.

*Fanoñona’ o Ana’ i Nòakeo*
*Heb 11.7; 1 Pet 3.20*

Vantañe t’i Nòake, tsy nanan-tahiñe amo foko’eo, vaho nindre fañavelo aman’
Añahare t’i Noake. 10 Nisamake telo t’i Nòake: i Seme, i Kame vaho Ièfete. 11 Ie
amy zay nilo-tserek’ añatrefan’ Añahare naho nilifotse ty hapiaroteñe ty tane toy.
12 Nivazoho i Andrianañahare ty tane toy le naheo’e te lò-tsereke naho songa
nimontamontan-tsata ondatio. 13 Aa le hoe t’i Andrianañahare amy Nòake, Fa
miatrek’ ahy ty figadoña’ ze atao nofotse, amy te lifo-kapiaroteñe ty tane toy ty am’
iereo, Inao, t’ie hatraoko rotsake an-tane atoy. 14 Aa le mandranjia lakam-poloay

ami’ty mendoraveñe*, le mandranjia efetsefetse amy lakañey vaho hosoro harahake
naho solike ty alafe’e vaho ty añate’e. [15] Zao ty hamboare’o aze. Ho kiho telon-
jato ty an-dava’ i lakam-poloaiy naho kiho limampolo ty am-pohe’e vaho kiho telo-
polo ty haabo’e. [16] Andranjio tafo i lakam-poloaiy vaho ampijebaño kiho raike ty
ambone’e; le ano lalambey añ’ila’ i lakam-poloaiy; le andranjio vatsa ambane naho
añivo vaho ambone. [17] Toe Zaho le izaho ty hinday fisorotombahan-drano an-tane
atoy handrotsake ze nofotse mikofò-beloñe ambane’ i likerañey; kila ho mongotse
ze an-tane atoy. [18] Fe ihe ty hañorizako fañina, le himoaha’o i lakam-poloaiy rekets’
o ana-dahi’oo naho i vali’oy vaho o valin’ ana-dahi’oo. [19] Hendese’o mb’an-dakam-
poloay ao ty kiroe kiroe amy ze hene raha veloñe, amy ze kila nofotse; le ho velome’o
mindre ama’areo, ty lahi’e naho ty vave’e. [20] Amo voroñeo ty amo karaza’eo, naho o
hareo ty amo karaza’eo, naho ze fonga biby misitsitsy an-tane atoy ty amo karaza’eo,
songa roe ama’e ty hiheo mb’ama’o mb’eo hameloma’o. [21] Fonga añandeso ze
karaza-mahakama le atontono ho azo, ho kamae’ areo vaho ho hàne’ iareo. [22] Nanoe’
i Nòake, i nandilian’ Añaharey ty nanoe’e.

# 7

*I Fiempoempoañey*
*Lio 17.26-27*
[1] Hoe t’Iehovà amy Nòake, Miziliha an-dakam-polo’ay ao, ihe naho o keleia’o iabio,
amy te ihe avao ty nitreako vantañe ami’ty tariratse toy. [2] Ampindrezo ama’o ki-fito-
fito amy ze hene karazam-biby malio, ty lahy naho vave, le roe amy ze karazam-
biby faly, ty lahy naho i vave’ey [3] naho sindre fito kiroe-roe amy ze karazam-boron-
dikerañe, lahy naho vave, hameloma’e tiry ambone’ ty tane toy. [4] Ie mongotse ty
fito andro garagadìñe le hampiaviako orañe efa-polo andro naho efa-polo haleñe ty
an-tane-bey atoy; vaho ho faopaoheko ami’ty tarehe’ ty tane toy ze fonga raha veloñe
namboareko. [5] Nihenefe’ i Nòake ze hene nandilia’ Iehovà.
[6] Nienen-jato taoñe t’i Nòake te nisorotombak’ ambone’ ty tane toy o ranoo;
[7] le nizilik’ am-po’ i lakam-polo-aiy t’i Nòake rekets’ o ana-dahi’eo naho i vali’e
vaho o valin’ ana’iareoo ty amy fiempoempoan-dranoy. [8] Le amo biby malioo
naho amo biby fàlio naho amo voroñeo vaho amo raha misitsitse an-tane atoio,
[9] kiroekiroe, lahy naho vave, songa nizilik’ an-dakam-poloay mindre amy Nòake,
amy nandilian’Añahare i Nòakey. [10] Ie modo ty fito andro le fa an-tane atoy o rano
fiempoempoañeo.
[11] Amy taom-pah’ enen-jato niveloma’ i Nòake, am-bola’e faharoe, amy andro faha
folo-fito-ambi’ i volañeiy, amy andro zay le hene nitorotositse ze fihanañan-dranon-
tsikeokeoke vaho nisokake o lalan-dikerañe iabio. [12] An-tane atoy efa-polo andro
naho efa-polo haleñe i orañey. [13] Amy andro zay ty nimoaha’ i Nòake naho i Seme,
i Kàme naho Ièfete, ana-dahi’ i Nòake rey, naho i vali’ i Nòake vaho ty vali’ i
ana’e telo rey amy lakam-poloaiy ao; [14] ie naho ze hene bibi-ly amy karaza’ey, naho
ze fonga hare amy karaza’ey, naho ze mpisitsitse misitsitse an-tane atoy iaby amy
karaza’ey, vaho ze hene voroñe amy karaza’ey, toe ze kila aman’ elatse. [15] Nizilike
mb’amy Nòak’ amy lakam-poloaiy ao, kiroekiroe boak’ amy ze nofotse aman-kofò-
beloñe iaby; [16] le nizilike, lahy naho vave amy ze hene nofotse ty nimoak’ ao,
ami’ty nandilian’Añahare aze vaho narindri’ Iehovà ao. [17] Efapolo andro tambone’
ty tane toy i fisorotombahañey; nihamaro o ranoo le nonjone’e i lakam-poloaiy
vaho nitoabotse an-tiotio’ ty tane toy eñe i lakam-poloaiy. [18] Nitolom-pionjoñe naho
nienène ambone’ ty tane toy i ranoy vaho nihafoñ’ ambone’ rano ey i lakam-poloaiy.
[19] Akore ty fionjona’ o rano ambone’ ty tane toio kanao nahalipotse ze atao vohitse

* **6:14** Heb: gofera

abo ambanen-dikerañe ey; [20] toe nilikoare' i ranoy kiho folo-lim' amby o vohitseo.
[21] Le fonga niopo ze nofotse nisitsitse an-tane atoy ndra voroñe ndra hare ndra biby ly, naho ze fifamorohotam-biby mifamorohotse an-tane atoy, vaho ze fonga ondaty; [22] le kila nimongotse ze tambone' i tane nimaikey, ze aman-kofòn-kaveloñe am-piantsona'e ao. [23] Fonga finaopao'e ze raha namboareñe ambone' ty tane toy, naho ondaty, naho hare, naho ze raha misitsitse, vaho o voron-tiokeo; toe finao'e an-tane atoy. I Nòak' avao ty nihonka'e miharo amo nindre ama'e an-dakam-poloaio.
[24] Tambatse ambone' ty tane toy zato-tsi-limampolo andro o ranoo.

# 8

### *Mitaketrake i Ranoy*

[1] Nitiahin'Andrianañahare t'i Nòake naho ze raha veloñe iaby naho ze hene biby nindre ama'e an-dakam-polo-ay ao. Le nampitiofen' Añahare ambone' ty tane toy ty tioke vaho nipendreñe i ranoy; [2] najihetse iaby ze nitorotositse boak' an-tsikeokeok' ao naho o lalan-dikerañeo, naho nisebañeñe ty rano boak'an-dindiñe eñe; [3] vaho nitolom-piketrak' an-tane atoy i ranoy. Ie modo ty zato tsy limampolo andro le fa nizetse i ranoy; [4] le ami'ty volam-paha-fito, ami'ty andro faha folo-fito' ambi' i volañey le nisampe ambone' ty vohits' Ararate eo i lakam-poloaiy. [5] Nitolom-pizetse avao i ranoy am-para' ty volam-paha-folo; ie am-baloha' i volam-pahafoloy le niboake o lengom-bohitseo.

[6] Ie nimodo ka ty efa-polo andro le sinoka' i Nòake i lalan-kede namboare'e amy lakam-poloaiiy [7] vaho nañirake koàke; nihelahela avao re ampara' te nimaike ty rano ambone' tane atoy. [8] Nampandenà'e boak'ama'e ka ty deho ho mb'eo hahaoniñe hera nizetse an-tane atoy i ranoy; [9] fe tsy nahatrea ty hipetahan-tombo'e i dehoy, le nimpoly mb'an-dakam-poloay ao fa mboe nihanañe ambone' ty tane toy iaby i ranoy. Aa le nahiti'e ty fità'e naho rinambe'e vaho nazili'e ho ama'e an-dakañe ao. [10] Mbe nandiñe fito andro ka le nampisangitrife'e mb'eo boak' amy lakañey indraike i dehoy;
[11] ie amy harivay, nimpoly ama'e i dehoy, am-bava'e ao ty raven-olive nipotore'e * anianike; aa le nirendre' i Nòake te nitaketrak' an-tane atoy o ranoo. [12] Ie nandiñe fito andro ka le nirahe'e mb'eo i dehoy f'ie tsy nimpoly.

[13] Ie amy taom-pahaenen-jato-raik' ambiy, amy volam-baloha'ey, amy andro valoha' i volañeiy, le nimaike o rano ambone' tane atoio; le nakatra' i Nòake ty lombo' i lakam-poloaiy naho nisary, vaho niisa'e te nimaike ty ambone' i taney. [14] Amy volam-paha-roey, amy andro faha roa-polo-fito-ambi' i volañeiy le nimaike ty tane toy. [15] Aa hoe t'i Andrianañahare amy Nòake, [16] Iengao o lakam-poloaio, ihe naho ty vali'o naho o ana'oo vaho o valin' ana'oo. [17] Akaro mindre ama'o ze fonga raha veloñe ama' nofotse, o voroñeo naho o hareo naho ze hene mpisitsitse misariosario an-tane atoy, hibodobodo an-tane atoy naho hitomambao vaho hanarànake an-tane atoy. [18] Aa le niavotse t'i Nòake rekets' o ana-dahi'eo naho i vali'ey naho o valin' ana'eo. [19] Le sambe niakatse i lakañey ze biby naho raha milaly, naho o voroñeo naho ze misitsitse ambone' ty tane toy amo karaza'eo.

### *Nisoroña' i Nòake*

[20] Aa le nañoreñe kitrely† ho am' IEHOVÀ t'i Nòake vaho sindre nandrambesa'e ze biby malio naho ze voroñe malio vaho nañenga soroñe‡ amy kitreliy. [21] Ie naha'antsoñe i harifondrifoñañey t'IEHOVÀ le hoe t'IEHOVÀ añ'arofo'e ao, Tsy hafàko ka o taneo ty am'ondatio, fa raty boak'ami'ty faha-ajaja'e ty fisafirin' arofo' ondatio; vaho tsy ho rotsaheko ka ze kila raha veloñe manahake i nanoekoy.

---

* **8:11** Olive: voan-katae, menake azo kamaeñe † **8:20** Kitrele: Alitara: rafi-bato fisoroñañe ‡ **8:20** Soroñe: ie atoy: ze enga oroañe añ'afo.

22 Aa naho mbe eo ty tane toy, le tsy ho modo ka
ty sam-pitongisañe naho fitatahañe,
ty hanintsiñe naho hatrovohañe,
ty asara naho asotry,
ty handro vaho haleñe.

# 9

*Ty Fañina amy Nòake*

1 Nitatan'Añahare t'i Nòake naho o ana-dahi'eo ami'ty hoe: Mitomboa naho
mangetseketseha vaho liforo ty tane toy. 2 Le amy ze kila biby ambone' ty tane toy
naho amy ze voron-tioke naho amy ze mpisitsitse an-tane atoy, vaho amy ze fiañe an-
driak' ao ty fihembañañe naho ty firevendreveñañe anahareo, fa natolotse am-pità'
areo. 3 Ho fikama' areo ze hene raha veloñe; manahake ty nanolorako anahareo o
ahetse maindoñindoñeo ty anolorako ze satan' Añahare. 4 Fe tsy ho kamae' areo ze
nofotse reketse ty havelo'e—i lio'ey.

5 Toe ho paiaeko an-taña' ze fonga biby naho am-pità'ondaty naho am-pitàn-
drahalahi' ondaty ty lio'areo, ty havelo'areo. Ho paiako ty fiai'indatiy.

6 Ze mampiori-dio ondaty,
Le hampiorihe'ondaty ka ty lio'e.
Fa ami'ty vintan'Añahare
ty nitseneañe ondatio.

7 Aa le mahavokara vaho mangetseketseha, miraoraòa an-tane atoy vaho mi-
hamaroa ama'e.

8 Le hoe t'i Andrianañahare amy Nòake naho amo ana-dahi'e nindre ama'eo: 9 Ingo
te mañori-pañina ama'areo naho amo tarira'areo hanonjohio raho, 10 naho amy ze
kila raha veloñe mindre ama'areo, o voroñeo, o hareo, naho ze fonga bibi' ty tane
toy, ze niakatse i lakam-poloaiy, ze kila' bibi' ty tane toy. 11 Horizako ama'areo ty
fañinako te tsy hampaitoeñe an-drano fiempoempoañe ka ze kila nofotse, vaho tsy
ho rotsahe' ty fiempoempoan-drano ka ty tane toy. 12 Hoe t'i Andrianañahare, Zao
ty vilo' ty fañina ifañinàko ama'areo naho amo kila raha veloñe mindre ama' areoo
pak'amy ze hene tariratse añe: 13 Ho reketeko amo rahoñeo ty àvako ho vilo' ty
fañinako ami'ty tane toy. 14 Ie ampandrahoñeko ty ambone' ty tane toy, le hiboak'
amo rahoñeo i avañey 15 le ho tiahiko i fañinako ama' areo naho amo raha veloñe
ama' nofotse iabioy; vaho tsy ho empoempoe' o ranoo ka ze hene nofotse handrotsake
aze. 16 Ie amo rahoñeo i avañey, le ho treako vaho ho tiahiko i fañina tsy ho modo
añivon' Añahare naho ze hene raha veloñe ama' nofotse an-tane atoiy. 17 Hoe t'i
Andrianañahare amy Nòake, Zay ty ho vilo' i fañina norizeko añivo' Ahy naho ze
kila nofotse an-tane atoiy.

*I Nòake naho o Ana-dahi'eo*

18 O ana' i Nòake niakatse i lakam-poloaio, le i Seme naho i Kame vaho Ièfete. Rae'
i Kanàne t'i Kame. 19 I telo rey ro ana-dahi' i Nòake; le boak' am' iereo ty nanitsihañe
ty tane toy.

20 Niorotse niava tane t'i Nòake vaho nambole valoboke. 21 Ie nikama ty divai'e le
nimamo vaho tsy aman-tsaroñe t'ie an-kiboho'e ao. 22 Nizoe' i Kame, rae' i Kanàne,
ty fihalon-drae'e le vinola'e ty rahalahi'e roe alafe ao. 23 Aa le rinambe' i Seme naho
Ièfete ty lamba, le nasampe an-tsoro' iareo roe le nidisa-voly nanaroñe ty fihalon-
drae'e; nitolike ty lahara'iareo tsy nahatrea i fihaloa'ey. 24 Ie nivañoñe amy divai'ey
t'i Nòake naho nahafohiñe i nanoa' i ana-tsitso'ey, 25 le hoe re,
Afàtse t'i Kanàne fa ho mpitorom-pitoroñe amo roahalahi'eo.

Hoe ka re,
26 Rengèñe t'IEHOVÀ, Andriananãhare' i Seme,
fa ho mpitoro'e t'i Kanàne.
27 Hampientaren'Añahare t'Ièfete,
ie himoneñe an-kiboho' i Seme,
vaho ho mpitoro'e t'i Kanàne.
28 Niveloñe telon-jato tsy limampolo taoñe tafara' i fiempoempoañey t'i Nòake.
29 Nañeneke sivan-jato-tsi-limampolo taoñe ty hene andro' i Nòake, vaho nihomake.

*Sonia' o ana' i Noakeo*
Zay ty fanoñona' o ana' i Nòakeo

# 10

*O Tarira' i Semeo*
*1 Tant 1.5-27*
1 Naho fa añe i fiempoempoañey le nahatoly anake t'i Seme, i Kame vaho Ièfete; 2 O
tarira' Ièfeteo le i Gomere, i Magoge, i Madae, Iavane, i Tobale, i Meseke, vaho i Tirase.
3 O tarira' i Gomereo le i Askenaze, i Rifate, vaho i Togarmà. 4 O tarira' Iavaneo le i
Elisà, i Tarsise, i Kitime vaho i Dodanime*. 5 Boak'am'iereo ty nampifañavakavaheñe
o kilakila'ndatio hifanjarà' iareo o taneo; songa amam-pisaontsi'e naho hasavereña'e
vaho fifehea'e.
6 O tarira' i Kameo: i Kose, i Mitsraime, i Pota vaho i Kanàne. 7 O tarira' i Koseo:
i Sebà, i Havilà, i Sabtà, i Ramà, vaho i Sabtekà. O tarira' i Ramào: i Sebà naho i
Dedane.
8 Nisamake i Nimrode t'i Kose; ie nihalahitsiay an-tane atoy, 9 nimpitsatsa ra'elahy
añatrefa' IEHOVÀ ty amy saontsy ty hoe: Manahake i Nimrode, mpangoroñe lahitsiay
añatrefa' IEHOVÀy. 10 Nifototse e Bavele ty fifehea'e, le nitakats' i Sinare naho i Ereke
naho i Akade vaho i Kalnè. 11 Niavotse amy taney t'i Asore naho nañoreñe i Ninevè
naho i rova atao Rehobotey, i Kèlake vaho 12 i Resene añivo' i Ninevè naho i Kèlake
—rova jabajaba. 13 I Mitsraime† nisamake i Lody naho i Anamy, naho i Lehaby, i
Naftohy, i 14 Patrosy, i Kaslohy (i niboaha' o nte-Pilistioy), vaho i Kaftore.
15 Nisamake i Tsidone tañoloñoloña'e t'i Kanàne, naho i Khete 16 naho i nte-Je-
bosey, i nte-Emorey, i nte-Girgasey, 17 i nte-Khivey, i nte-Arkey, i nte-Siney, 18 i nte-
Arvadey, i nte-Tsemarey vaho i nte-Khamatey. Ie añe le niparaitake alafe'e añe o
nte-Kanàneo. 19 Nifototse e Tsidone ty efeefe' o nte-Kanàneo mioza amy Gerare mb'e
Azà, naho mb'e Sedome naho Amorà naho Adamà naho Tseboime am-para' i Lesà
añe. 20 Ie ro tarira' i Kame amo hasavereña'eo naho o fisaontsi'eo amo tane'eo vaho
amo fifehea'eo.
21 Amy Seme, rae'o nte-Evre iabio naho rahalahi' Ièfete zoke'e, ro nisamahañe :
22 Inao o tarira' i Semeo: i Elame, i Asore, i Arpaksade, i Lode vaho i Arame. 23 O
tarira' i Arameo, i Oze, i Kole, i Getere, vaho i Mase. 24 Nisamake i Selake t'i Arpaksade
le nisamake i Evre t'i Selake. 25 Nisamak' ana-dahy roe t'i Evre, i Pèlege‡ ty tahina' ty
raike, ty amy fizarazaran-tane tañ'andro'e; Ioktane ty tahinan-drahalahi'e. 26 Ioktane
nisamake i Almodade naho i Sèlefe, i Khazaremavete, Ierake, 27 i Hadorame, i Ozale,
i Diklà, 28 i Obale, i Abimaele, i Sebà, 29 i Ofire, i Khavilà, vaho Iobabe; songa tarira'
Ioktane. 30 Mifototse e Mesà eo ty tane nimoneña' iareo le miranga mb'e Sefare
mb'eo, i vohitse atiñanañey. 31 Ie ro tarira' i Seme amo hasavereña'eo naho o
fisaontsi'eo, o tane'eo vaho o fifehea'eo.
32 Ie iaby ro tarira' o ana-dahi' i Nòakeo, amo fanoñona'eo, naho amo fifehea'eo;
ie ro niparaitaha' ze kila'ondaty an-tane atoy, naho fa añe i fiempoempoañeio.

* **10:4** Ndra ty hoe: Dodanima † **10:13** Mitsraime: Forekekeañe añivo rano ‡ **10:25** Fizarañe

# 11

*Ty Rafe-Joalajoala' i Bavele*

1 Ie henane zay, raike ty fivimby naho fisaontsi' ze kila ondaty. 2 Aa ie niombotse
boak' atiñanañe le nandoak' an-tane atao Sinare naho nanjo motombey vaho
nañialo eo. 3 Le nifanaontsy ty hoe: Antao hamboatse birìke oroañe soa. Nisolo
vato ty birike' iareo vaho solin-tane ty fanosoha'e. 4 Le hoe iereo: Antao hañoren-
drova naho fitilik' abo aman-dengo mitiotiotse an-dikerañe añe vaho hanoeñe
tahinañe tika, tsy mone hivarakaike an-tarehe' ty tane toy. 5 Nizotso mb'eo t'Iehovà
hivazoho i rovay naho i fitilik'abo ranjie' o ana' ondatioo. 6 Le hoe t'Iehovà, Hehe
t'ie ondaty mitokañe, songa aman-tsaontsy raike, le ingo ty fifotoran-draha'e, ie
henaneo tsy eo ty hahasebañe ze safirie' iereo hanoeñe. 7 Aa le antao hizotso mb'eo
hañalikàlike ty fivimbi' iareo tsy hifankahazo saontsy 8 aa le nampiparatsiahe' Iehovà
ambone' ty tane toy iereo vaho nijihetse ty fañoreñañe i rovay. 9 Ie nanoeñe: Bavèle*,
amy te navalitsikota' Iehovà ze hene saontsi' ty tane toy vaho nampiparaitahe'
Iehovà ambone' ty tane bey toy iereo.

*Sonia' i Seme*

10 Zay ty fanoñona' i Seme.

*I Seme pak'amy Avrame*

Ie roe taoñe añe i fiempoempoañey, le ni-zato taoñe t'i Seme naho nisamake i
Arpaksade. 11 Ie nahatoly i Arpaksade t'i Seme le mbe niveloñe 500 taoñe nisamak'
ana-dahy naho anak'ampela.
12 Ie niveloñe 35 taoñe t'i Arpaksade le nisamake i Selake, 13 ie nahatoly i Selake le
mbe niveloñe 403 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak'ampela.†
14 Ie niveloñe 30 taoñe t'i Selake le nisamake i Evre, 15 ie nahatoly i Evre t'i Selake,
le mbe niveloñe 403 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak'ampela.
16 Niveloñe 34 taoñe t'i Evre vaho nisamake i Pelege, 17 ie nahatoly i Pelege t'i Evre
le mbe niveloñe 430 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak' ampela.
18 Niveloñe 30 taoñe t'i Pelege vaho nisamake i Rehò, 19 ie nahatoly i Rehò t'i Pelege
le mbe niveloñe 209 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak' ampela.
20 Niveloñe 32 taoñe t'i Rehò vaho nisamake i Seroge, 21 ie nahatoly i Seroge t'i
Rehò le niveloñe 207 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak'ampela.
22 Niveloñe 30 taoñe t'i Seroge vaho nisamake i Nakhore, 23 aa naho nahatoly i
Nakhore t'i Seroge le niveloñe 200 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak' ampela.
24 Niveloñe 29 taoñe t'i Nakore te nisamake i Tèrake, 25 aa naho nahatoly i Terake
t'i Nakore le niveloñe 119 taoñe nisamak' ana-dahy naho anak' ampela.
26 Ie niveloñe 70 taoñe t'i Teràhke le nisamake i Avrame, naho i Nakhore, vaho i
Kharane.

*Sonia' i Terake*

27 Zay ty famoliliañe i Teràke.

*i Avrame*

Nisamake i Avrame naho i Nakhore naho i Kharane t'i Terahke. Le nisamake i Lote
t'i Kharane. 28 Ie mbe veloñe i Teràhke Rae'ey le nihomake e Ore' o nte-Kasdio t'i
Kharane, an-tane nisamaha'e ao. 29 Songa nañenga valy t'i Avrame naho i Nakhore.
Sarae ty tahina' ty vali' i Avrame, vaho Milkae, ana' i Kharane ty tahina' ty vali' i
Nakhore. Rae' i Milkae naho Iskà t'i Kharane.. 30 Betsiterake t'i Sarae, tsy aman'
anake.

---

* **11:9** Bavele: fifandrakarakañe † **11:13** Septoagenta: Oni: Lke 3.35-36; Fot 10.24

31 Ninday i Avrame ana'e naho i Lote ana' i Kharane, anan'ana'e, vaho i Sarae
vinanto'e ampela, vali' i Avrame ana'e, t'i Terake, vaho nienga i Ore' o nte-Kasdìo
hionjom-b'e Kanàne fe nivotrake e Kharane, vaho nimoneñe ao.
32 Ty andro niveloma' i Terahke le 205 taoñe. Nihomake e Kharane ao t'i Terahke.

# 12

### *Ty Fikanjiañe i Avrame*

1 Hoe t'Iehovà amy Avrame, Mañaveloa mb'eo; iengao ty tane'o, boak' amo
rolongo'oo naho isitaho ty anjomban-drae'o, vaho mionjona mb'an-tane hatoroko
azo añe;
2 le hanoeko tariratse ra'elahy,
naho ho tahieko,
le ho bangoeko ty tahina'o,
vaho ho fañanintsin-drehe.
3 Ho tahieko ze mitat'azo
naho hafàko ze mamatse azo;
vaho ama'o ro hitahiañe
ze hene hasavereña' ty tane toy.
4 Aa le nienga ty amy nitsarà' Iehovà t'i Avrame, vaho nindreza' i Lote. Nifitompolo
taoñe lim'amby t'i Avrame te niakatse i Kharane.
5 Nente' i Avrame t'i Sarae vali'e naho ty ana-drahalahi'e Lote, naho ze vara
natonto'e vaho ondaty niazo'e e Kharane iabio, le nionjoñe mb'e Kanàne mb' eo
vaho nandoak' an-tane Kanàne ao.
6 Niranga i taney t'i Avrame am-para' te nitoetse e Sikeme amo hatae bei' i Morèo.
An-tane eo henane zay ty nte-Kanàne. 7 Nisodeha amy Avrame t'Iehovà nanao ty
hoe: Hatoloko amo tarira'oo ty tane toy, le teo ty nañoreña'e kitrely am'Iehovà niheo
ama'ey.
8 Nienga re nionjomb'am-bohitse atiñana' i Betele añe le nañoren-kiboho,
ahandrefa'e ty Betele, atiñana'e ty Aý. Teo ty nañoreña'e kitrely am' Iehovà vaho
nikanjy ty tahina' Iehovà. 9 Le mbe nionjoñe mb'amy fañaveloa'e mb'e Nègeve*
mb'eoy t'i Avrame.

### *I Avrame e Mitsraime añe*

10 Nimosare i taney, le nizotso mb'e Mitsraime mb'eo hey t'i Avrame nitaveañe añe
ty amy fanindria' i hasalikoañey. 11 Ie fa himoak'e Mitsraime ao, le hoe re amy Sarae
vali'e: Inao, apotako ty hasoa vinta'o te isaheñe. 12 Aa naho mahaisak' azo o nte-
Mitsraimeo le, inao: Vali'e iroa, ty ho asa'iareo, naho hañe-doza amako naho hahaen-
ko velon-drehe. 13 Ehe, ano ty hoe rahavaveko, hanintsiñako ty ama'o hameloma'o
ty fiaiko.
14 Ie niavy e Mitsraime añe t'i Avrame le nioni' o nte-Mitsraimeo ty hamozohozo' i
rakembay. 15 Ie niisa' o menafoe' i Paròo, le nitsiririe' iareo amy Parò, vaho nasese
añ'anjomba' i Parò ao. 16 Nirambese'e an-talatalasaba ty ama'e t'i Avrame, vaho
nanontoñe añondry naho añombe t'i Avrame naho borìke lahi'e, naho mpitoron-
dahy naho ampela, naho borìke vave vaho rameva.
17 Fe nampivolevolè' Iehovà añ' angorosy t'i Parò naho ze añ'anjomba'e ao iaby ty
amy Sarae, vali' i Avrame. 18 Aa le kinanji' i Parò t'i Avrame, le hoe ty asa'e: Ino o
nanoa'o ahio. Manakore te tsy natao'o amako t'ie vali'o? 19 Ino ty nanoa'o ty hoe,
Rahavaveko? hera ho rinambeko ho valiko? Ie amy zao, ingo i vali'oy rambeso vaho
akia! 20 Aa le nafanto' i Parò amo mpitoro'eo ty Avrame, naho nampionjone' iereo
mb'eo rekets' i vali'ey vaho ze hene fanaña'e.

* **12:9** Negev: Tane atimo

# 13

*Mifampiria t’i Avrame naho i Lote*

1 Aa le nionjoñe boake Mitsraime ao t’i Avrame naho i vali’ey naho ze vara’e iaby,
mb’ atimoy añe, vaho nindre ama’e t’i Lote. 2 Fa nimpañarivo an-kare naho volafoty
vaho volamena t’i Avrame.
3 Ie boak’ amy atimoy añe le nionjoñe sikal’ amy Betele, amy namboare’e kibohotse
añivo’ i Betele naho i Aý am-pifotora’ey, 4 amy nañoreña’e kitrely valoha’ey. Teo ty
nikanjia’ i Avrame ty tahina’ IEHOVÀ.
5 Nanam-pirai-troke naho mpirai-lia naho kibohotse ka t’i Lote mpindre fañavelo
ama’e. 6 Fe tsy nahatsapake iareo roe i taney, hitraofa’ iareo, fa loho bey ty vara’ iareo
kanao tsy nahafiharo toboke. 7 Nifampibozizy amy zao o mpiara-lia-rai’ i Avrameo
naho o mpiara’ i Loteo. Nimoneñe amy taney henane zay o nte-Kanàneo naho o
nte-Perizeo.
8 Aa le hoe t’i Avrame amy Lote, Ee te tsy hifañolañe tika naho o mpiara’oo naho o
ahikoo, amy te mpirahalahy tika. 9 Aa vaho tsy hene miatrek’ azo o taneo? Misitaha
amako arè, aa ihe homb’ am-pitàn-kavia mb’eo, le ho mb’an-kavana raho; ke ihe mb’
am-pitàn-kavana, le zaho mb’ an-kavia. 10 Nampiandra-pihaino t’i Lote, nahatalake te
soa fitondrake iaby ty vavatane’ Iordaney eñe manahake ty golobo’ IEHOVÀ, hambañe
an-tane Mitsraime amy figodañañe mb’e Tsoare* mb’eoy, (taolo’ ty nandrotsaha’
IEHOVÀ i Sedome† naho i Amorà‡). 11 Jinobo’ i Lote i vavatane’ Iordaney iabiy naho
nañavelo mb’atiñanañe mb’eo t’i Lote, ie nifampiria.
12 Nimoneñe an-tane Kanàney t’i Avrame vaho nimoneñe amo rova’ i vavataneio t’i
Lote vaho nañoren-kiboho mb’e Sedome añe. 13 Ni-lo tsereke o nte-Sedomeo, vata’e
bei-hakeo am’ IEHOVÀ.
14 Hoe t’IEHOVÀ amy Avrame, naho fa nisitaha’ i Lote. Ampiandrao fihaino
henaneo vaho mitalakesa boak’ amo iambesara’oo mañavaratse naho mañatimo
naho maniñana vaho mañandrefa; 15 amy te hatoloko azo naho amo tarira’o kitro-añ’
afe’eo ze hene tane isa’o. 16 Hampiraeko ami’ty lembo’ ty tane toy o tarira’oo; aa naho
mahaiake ty debo’ ty tane toy t’indaty le mete hiaheñe ka o tarira’oo. 17 Miongaha arè
le rangao ty andàva’ o taneo naho ty am-pohe’e, fa hene hatoloko azo. 18 Aa le nasi’
i Avrame ty kijà’e le nimb’eo naho nitobe amo hatae jabajaba’ i Mamrè e Khebroneo
vaho nañoreñe kitrely am’ IEHOVÀ.

# 14

1 Tañ’andro’i Amrafele*, mpanjaka’ i Sinare†, naho i Arioke‡ mpanjaka’ i Elasare§,
naho i Kedorelaomere* mpanjaka’ i Elame†, vaho i Tidale‡ mpanjaka’ o Goio§;
2 t’ie nifañotake amy Bera* mpanjaka’ i Sedome iereo naho amy Birsà† mpanjaka’
i Amorà‡ naho amy Sinabe§ mpanjaka’ i Admà* naho amy Sem’-
evere† mpanjaka’ o nte-Tsebio‡ vaho amy mpanjaka’ i Bela§ (toe Tsoare). 3 Fonga
nifanontoñe am-bavatane’ i Sidime (i Oñe-Siray) ao i mpanjaka rey.
4 Ie fa nitoroñe i Kedorelaomere folo taoñe ro’amby, le niola amy taom-
paha-folo-telo ambiy. 5 Ie tan-taom-paha folo-efats’ ambi’ i Kedorelaomere,

* **13:10** Tsoare: kedekedeke, bory † **13:10** Sedome: ty tsy ambara-telo’ iareo ‡ **13:10** Amorà: mpiola
* **14:1** Amrafele: mpitangogo † **14:1** Sinare: fijilo’ ty mirotse ‡ **14:1** Arioke: mijoala § **14:1** Elasare:
miola aman’Añahare * **14:1** Kedorelaomere: ty habontili’ ty fibora’e † **14:1** Elame: ajalahy, somondrara,
mietake ‡ **14:1** Tidale: i mampipekañe ty joka § **14:1** Goyim: Goy: kilakila’ondaty (im: maro) * **14:2**
Bera: vovoñe; mitsey, mitaroñe † **14:2** Birsa; ty raty; anake mañente ‡ **14:2** Amorà: ondaty miola § **14:2**
Sinabe: ty engen-drae * **14:2** Admà; ( Adame): mena, , hoe lio † **14:2** Semebere: tahina’ i maozatsey ‡ **14:2**
Tsiby: ose § **14:2** Bela: mandrotsake

ie reketse i mpanjaka mitraok' ama'e rey ro namotsake o nte-Rafào e Asterote-
karnaime ao naho o nte-Zòzeo e Hame ao, naho o nte-Emeo e Save-kiriataime ao
6 naho o nte-Khoreo am-bohibohi' i Seire pak' Eilparane añ' olo' i fatrambeiy ao,
7 vaho nibalike nandoake e Ein-mispàte, (i Kadese zay) le fonga linafa' iareo ty tane'
o nte-Amalekeo naho ty a o nte-Emore nimoneñe e Khatsatsone-tamareo.

8 Nionjoñe mb'eo amy zao ty mpanjaka' i Sedome, naho ty mpanjaka' i Amorà,
naho ty mpanjaka' i Admà, naho ty mpanjaka' i Tseboime, naho ty mpanjaka' i Belà
(toe i Tsoare), nilahatse hihotakotake am-bavatane' i Sidime ao 9 amy Kedoreaomere
mpanjaka' i Elame naho Amy Tidale mpanjaka' o Goio naho amy Amrafele mpanjaka'
i Sinare vaho amy Ariokhe mpanjaka' i Elsara, ty mpanjaka efatse miatreke lime. 10 Ie
amy zao nitsitsike kadahan-tsolike mainte ty vava-tane' i Sidime; aa naho nitrimban-
day ty mpanjaka' i Sedome naho i Amorà le nikorovok' ao vaho nivongaritse mb'am-
bohibohitse mb'eo o nisisao. 11 Aa le fonga finao' o naha-reketseo ze vara' i Sedome
naho i Amorà naho ty mahakama' iareo vaho nienga; 12 aa ie niavotse le tinava' iareo
ka t'i Lote, ana-drahalahi' i Avrame, nimoneñe e Sedome ao, naho o vara'eo.

13 Teo ty niponiotse mb' amy Avrame nte-Evre mb'eo nitalily; ie nimoneñe amo
hatae ra'elahi' i Mamrè nte-Amore, rahalahi' i Eskole naho rahalahi' i Anereo.
Ie songa mpirimboñe amy Avrame. 14 Aa naho jinanji' i Avrame te tsinepake i
rahalahi'ey le kinoi'e o ajalahi'e 318 voa-oke, sinamake añ'akiba'eo vaho hinorìda'e
pake Dane añe. 15 Zinara' i Avrame amy haleñey ondati'eo le zinevo'e vaho
hinorìda'e pak'e Khobà an-kavia' i Damesèk' añe, 16 naho nahere'e iaby i varay le
nendese'e moly t'i Lote longo'e naho o vara'eo, naho o rakembao vaho ondatio.

### *Tinata' i Melkitsedeke t'i Avrame*
### *(Heb. 7.1-2)*

17 Ie nimpoly amy fanjamana'e i Kedoreaomere naho o mpanjaka mpiama'eoy t'i
Avrame, le niakatse hifanalaka ama'e am-bavatane' i Save, toe Vavatanem-Panjaka,
ty mpanjaka' i Sedome.

18 Le nañakatse mofo naho divay t'i Melkitsedeke, mpanjaka' i Salème, Mpisoron'
Añahare Andindimoneñey, 19 le nitat' aze ami'ty hoe:

Ho tahien' Añahare Abo-Tia,
Andrianamboatse o likerañeo
naho ty tane toy t'i Avrame. 20 Andriañeñe t'i Andriananañahare
Mitiotiotse
nanjotso o rafelahi'oo am-pità'oy.

Le natolo' i Avrame aze ty fahafolo' ze he'e.

21 Nanao ty hoe amy zao ty mpanjaka' i Sedome, Atoloro ahiko ondatio, le tano ho
azo o varao. 22 Fa hoe t'i Avrame amy mpanjaka' i Sedomey, fa nonjoneko am-panta
am' Iehovà, Andriananañahare Andindimoneñey ty sirako, 23 t'ie tsy handrambe ndra
fole ndra talin-kana ndra inoñ' inoñ' amo azoo, tsy mone hanoa'o ty hoe: Zaho ty
naha-mpañarivo i Avrame, 24 naho tsy ze nikama' o lahilahikoo naho ty anjara' ondaty
nindre lia amakoo—i Anere, naho i Eskole, naho i Mamrè; apoho sindre hangalake
ty anjara'e irezay.

## 15

### *Ty Fañina amo Nisalalàheñeo*
### *Heb. 11.8-10*

1 Modo izay le nañento an' aroñaroñe amy Avrame ty tsara' Iehovà: Ko hemban-
drehe, Avrame. Zaho ro fikalan-defo'o naho tambe'o ra'elahy.

2 Le hoe t’i Avrame, Ry Talè Iehovà, ino ty ho mea’o ahiko kanao betsiterake, vaho
i Elièzere nte-Damaskose ro mpamandroñe ty akibako. 3 Le tinovo’ i Avrame ty hoe:
Tsy nimea’o tiry raho; aa le mpandovako i nitoly an-kibohokoy.
4 Le hoe ty tsara’ Iehovà ama’e: Tsy ie ty ho mpandova’o, fa ty hiboake am-bania’o
ao ty ho mpandova’o. 5 Nendese’e alafe ao le nanoa’e ty hoe: Miandrandrà mb’
andikerañ’ eñe vaho iaho o vasiañeo naho lefe’o iaheñe. Le hoe re tama’e, Mira
amy zay ty ho tarira’o.
6 Niantofa’e t’Iehovà, le vinolili’e ho havantañañe ama’e.
7 Hoe ka Re tama’e: Zaho Iehovà ty nañakatse azo amy Ora’ o nte-Kasdìo
hanolorako azo ty tane toa handrambesa’o aze. 8 Fa hoe t’i Avrame, Ry Talè Iehovà,
aia ty haharendrehako ty hatò t’ie ho fanañako?
9 Aa le hoe re tama’e: Añendeso ty kiloa telo-ay, naho ty ose-vave telo-taoñe, vaho
ty añondrilahy telo-taoñe, naho ty deho vaho ty ana-boromahilala. 10 Aa le nandesa’
i Avrame naho nisalàhe’e vaho nalaha’e hifañatreke i tampa’e rey fe tsy nisalahe’e
o voroñeo. 11 Ie nivotrak’ amy henay o koàkeo le sinoi’ i Avrame añe.
12 Nitsofotse i àndroy, le nilampon-drotse t’i Avrame, vaho ingo nandrongoñe aze
ty hamoromoroñañe nampangebahebake. 13 Le hoe Re amy Avrame, Mahafohina
an-katò te ho ambahiny an-tane tsy a’ iareo o tarira’oo naho hitoroñe iareo vaho
hampisotrieñe efa-jato taoñe. 14 Le ho zakàko i tane mañondevo iareoy vaho
hinday vara tsifotofoto t’ie hiakatse boak’ ao. 15 Fa homb’ aman-droae’o mb’eo am-
pierañeràñan-drehe vaho haleveñe ami’ty taoñe soa haantetse. 16 Hitampoly atoy
iereo ami’ty tariratse fah’ efatse, amy te mbe tsy heneke ty hakeo’ o nte-Emoreo.
17 Ie nimotake i àndroy vaho nimaìeñe, le niheo mb’eo ty valàñe nahatoeñe naho
ty foroha nibela niranga añivo o linili’eo. 18 Amy andro zay ty nanoa’ Iehovà fañina
amy Avrame ami’ty hoe, Atoloko amo tarira’oo ty tane hirik’amy saka’ i Mitsraimey
pak’ amy oñe jabajabay, i oñe Eofratay; 19 naho o nte-Keneo, o nte-Kenizeo, o
nte-Kadmoneo, 20 o nte-Kheteo, o nte-Perizeo, o nte-Rafào, 21 o nte-Emoreo, o nte-
Kanàneo, o nte-Girgaseo, vaho o nte-Ieboseo.

# 16

*I Khagare naho Iesmaèle*

1 Ie amy zao, mbe tsy nahatoly anake ho aze t’i Sarae, vali’ i Avrame, f’ie aman’
ondevo nte-Mitsraime atao Khagare, 2 aa le hoe t’i Sarae amy Avrame, Heheke
henaneo te kinala’ Iehovà raho tsy hiterake. Ehe, mimoaha amy fetrek’ orokoy, kera
hahasavereña’e.
Niantofa’ i Avrame ty enta’ i Sarae. 3 Aa naho fa nimoneñe e Kanàne folo taoñe
t’i Avrame, le nala’ i Sarae vali’e t’i Khagare mpitoro’e vaho natolo’e amy vali’ey
hialoza’e. 4 Le nimoaha’e t’i Khagare, vaho niareñe.
Aa ie nifohi’e te nivesatse le nisirikae’ o maso’eo i tompo’ey. 5 Le hoe t’i Sarae
amy Avrame, Ama’o ty fisotriako. Napoko am-pità’o i mpitorokoy, aa kanao apota’e
te mivesatse, le sirikaeñe a-maso’eo raho. Ee te hizaka añivon-tika t’Iehovà.
6 An-taña’o i mpitoro’oy, hoe t’i Avrame. Ano ama’e ze no’ ty tro’o. Aa le
nampisoañe’ i Sarae t’i Khagare vaho nibotatsake amy fiatrefa’ey re.
7 Tendrek’amy Khagare t’i anjeli’ Iehovà marine ty rano migoangoañe an-
dratraratra añe, ty figoangoan-drano an-dalañe mb’e Sore mb’eo. 8 Le hoe re, O
Khagare, mpitoro’ i Sarae, boak’ aia v’iheo vaho homb’aia? Hoe re, Milay an-dahara’
i tompoko Saraey raho. 9 Aa hoe ty anjeli’ Iehovà ama’e, Mimpolia mb’amy tompo’oy
vaho miambanea am-pità’eo. 10 Hoe ka ty anjeli’ Iehovà ama’e, Toe hampitomboako
o tarira’oo kanao tsy ho hay iaheñe ami’ty fangitsikitsiha’e. 11 Le hoe ty anjeli’ Iehovà
ama’e,

Fa miareñe rehe vaho hisamak' anadahy;
hatao'o Iesmaèle ty añara'e,
amy te nihaoñe' Iehovà ty fisotria'o.
12 Ho borìke hako indatiy
hañonjoñe sirañe amy ze hene ondaty,
le ondaty iabio ty hañonjon-tsirañe ama'e;
vaho himoneñe añatrefa' o longo'e iabio re.

13 Aa le kinanji'e ty hoe Elroy* t'Iehovà nitsara ama'ey: fa hoe re, Ihe ro
Andrianañahare mahavazoho ahy, le hoe re: Aa vaho toe nitreako hao i Mahavazoho
ahy? 14 Le natao ty hoe Bire-lakhai-roy† i vovoñe añivo' i Kadese naho i Beredey.
15 Nisamak' ana-dahy ho a i Avrame t'i Khagare vaho nimea' i Avrame añarañe
ty hoe Iesmaèle i ana-dahi'e nasama' i Kagarey. 16 Valompolo taoñe eneñ' amby t'i
Avrame te nisamake Iesmaèle t'i Khagare.

# 17

*Ty Vilo' i Fañinay*
*Avo. 12.43 – 13.2*

1 Naho ni-sivampolo taoñe sive' amby t'i Avrame le niboak' amy Avrame t'Iehovà
nanao ama'e ty hoe, Zaho i El-Saday*; mañaveloa añatrefako an-kalio-tahiñe, 2 le
hifanao fañina, ihe naho Zaho, hampahatsifotofoto azo. 3 Nibabok' an-dahara'e t'i
Avrame; naho nifanaontsy ama'e t'i Andrianañahare, 4 Naho zaho, inao, ty ifañinako
ama'o: Ho rae' ty foko maro rehe. 5 Le tsy hatao Avrame† ka ty añara'o, fa Avrahame‡
ty ho tahina'o amy te hanoeko raem-poko tsiefa. 6 Hampibodobodoeko naho hanoeko
rofoko maro, vaho mpanjaka maro ty hiboak' ama'o. 7 Le hajadoko añivoko naho
ihe naho ze hene tiry manonjohy azo, tariratse an-tariratse, ty fañinako, ho fañina
nainai'e, le ho Andrianañahare'o naho amo tarira'o manonjohy azoo. 8 Le hatoloko
azo naho o tariratse manonjohio ty tane ambahinie'o henaneo, naho ty tane Kanàne
iaby ho fanaña'o nainai'e vaho ho Andrianañahare' iareo raho.
9 Hoe t'i Andrianañahare amy Avrahame, Aa le hitañe ty fañinako rehe, ihe naho
o tarira'oo naho ze hene hanonjohio. 10 Intoy ty fañinako ho vontitire'areo añivoko
naho ihe vaho o tariratse hanonjohy azoo te songa ho savareñe ze lahilahy ama'areo.
11 Ho tampahe' areo ty ofo'areo; zay ty ho vilo' i fañina añivo anahareo naho zahoy.
12 Ho savareñe ami'ty andro fahavalo' ze lahilahy amo tarira'o iabio, ty nisamak'
añ' anjomba' areo ao, naho ty vinily drala amo ambahiny tsy tiri'oo. 13 Tsy mete tsy
songa savareñe ze nitoly añ' anjomba'o ao ndra vinilin-drala'o; fa ho vilom-pañinako
nainai'e ami'ty nofo' areo. 14 Ze lahilahy tsy afa-boy, tsy tinampak'ofoke, le haitoañe
amo longo'eo indatiy, amy te nivalik' amy fañinakoy.
15 Hoe t'i Andrianañahare amy Avrahame, Aa naho i Sarae vali'o, tsy hatao'o Sarae
ka ty añara'e fa Sarà§ ty ho tahina'e. 16 Hampanintsiñeko re naho ho meako anadahy
ama'e rehe. Toe ho tahieko, le hahatoly foko maro re, vaho mpanjakam-poko maro
ro hiboak' ama'e. 17 Nibabok' an-dahara'e amy zao t'i Avrahame naho niankahake,
nanao ty hoe an-tro'e ao, Hisamak' anake hao ty fa zato taoñe? Hahatoly anake hao
t'i Sarà, ie sivampolo taoñe? 18 Le hoe t'i Avrahame amy Andrianañahare, Ee te ho
veloñe añatrefa'o t'Iesmaèle.
19 Hoe t'i Andrianañahare, Aiy! toe hisamak' anake ho azo t'i Sarà vali'o naho
hatao'o Ietsàke* ty añara'e, vaho horizako ama'e i fañinakoy ho fañina nainai'e tsy

---

* **16:13** El-roy: Andrianañahare mahavazoho † **16:14** Bire-lahai-roy: ty vovo' i Veloñe Mahavazoho ahikoy
* **17:1** El Saday : Andriampañotroñe, Tsitongereñe, kila lefe † **17:5** Rae onjoneñe ‡ **17:5** Raem-poko maro
§ **17:15** Sarà: Rakemba iasiañe * **17:19** Toe Iets'hake: miankahake re

modo ho aze naho o tarira'e hanonjohy azeo. 20 Le ty am' Iesmaèle, fa tsinanoko rehe;
ho tahieko naho hampiraoraoeko ho tsifotofoto o tarira'eo; hisamak' ana-donake folo
ro' amby re vaho hanoeko foko ra'elahy. 21 Fe Ietsàke ty hañorizako i fañinakoy, ie ho
samahe' i Sarà ami'ty andro nifantañeñe toy ami'ty taoñe manonjohy. 22 Ie nagado'e
i nitsara'ey, le nienga i Avrahame t'i Andrianañahare.
23 Aa le rinambe' i Avrahame ty anadahi'e Iesmaèle rekets' o naterak' añ'an-
jomba'eo naho o vinili'e an-drala'eo naho ze lahilahy añ' anjomba' i Avrahame ao
vaho tinampa'e amy andro nitsaraen' Añaharey ty ofo'iareo. 24 Ni-sivampolo sive-
amby taoñe t'i Avrahame te sinavatse ty nofo' i ofo'ey. 25 Ni-folo telo-amby taoñe
ka t'Iesmaèle te tinampake ty nofo' i ofo'ey. 26 Sambe sinavatse amy àndroy avao
t'i Avrahame naho Iesmaèle ana'e, 27 songa nindre sinavatse ama'e ze lahilahy añ'
anjomba'e naho ze nitoly añ' anjomba'e ao vaho ze vinili-drala ami'ty ambahiny.

*Nampitaman' ana-dahy t'i Avrahame naho i Sarà*

# 18

1 Niheo ama'e marine o hatae jabajaba' i Mamrèo t'IEHOVÀ, ie niambesatse an-
dalambein-kiboho'e eo an-kavotrohañ' andro. 2 Nampiandra fihaino re nahaoniñe
ondaty telo nijohañe ey. Ie niisa'e, le nihitrike boak' an-dala' i kiboho'ey nifanalaka
am'iereo vaho niondrek'an-tane,
3 le nanao ty hoe: Naho nanjo fañisohañe am-pihaino'o raho henaneo ry Talè,
ko rioñe'o ty mpitoro'o. 4 Angao haneseañe rano kedekede hanasà'areo fandia, ie
mitofà ambane' o hatae eio, 5 le hanjotsoako mahakama minjilite'e hampanintsiñe ty
arofo'o, heneke zay t'ie hañavelo, fa zay ty niaria' areo mb'ami'ty mpitoro'o toy. Le
hoe iereo, Ano i sinaontsi'oy. 6 Aa le nihitrike mb'amy Sarà an-kiboho'e ao: Masikà
hoe re, halankaño mona telo fañaranañe*: kobao le anoñafo mofo.
7 Nilay mb'an-troke raike mb'eo amy zao t'i Avrahame nijoboñe dronga maleme
hena vaho natolo'e ami'ty ajalahy hañalankaña'e masika. 8 Nendese'e amy zao ty
venten-kabobo naho ronono naho i dronga nihalankañeñey, vaho nazotso'e am'
iereo, le nijohañe marine' iereo añ' alo' i hatae'ey t'ie nikama.
9 Hoe iereo tama'e. Aia ty vali'o Sarà? Le hoe re, Indroañe amo kibohotseo. 10 Le
hoe re, Toe hibalihako, homb' etoan-draho ami'ty sa-mañeva vaho Inao! hisamake
ana-dahy t'i Sarà tañanjomba'o. Nahajanjiñe zay t'i Sarà an-dala' i kibohotsey, toe
amboho'e ao. 11 Nibey t'i Avrahame naho i Sarà henane zay, nigain-kantetse vaho
tsy ni-ampela ka t'i Sarà. 12 Aa le nisomobohe' i Sarà añ'arofo ao ty hoe: Zaho fa
bey hao ro mbe hinembanembañe, naho fa bey ka i talèkoy? 13 Le hoe t'IEHOVÀ
amy Avrahame, Inoñe ty nampitohake i Sarà t'ie nanao ty hoe, Toe hahatoly anake
hao, zaho fa bey? 14 Eo hao ty tsy lefe' IEHOVÀ? Hibalike mb'ama'o raho amy andro
nifantañañey, an-tsa mañeva vaho hitendreke ana-dahy amy Sarà. 15 Niliere' i Sarà
ami'ty hoe, Zaho tsy nihehe! ie nihembañe. Aiy, hoe re, toe nitohàke.

*Nañalañalañe ho a i Sodome*

16 Nienga amy zao indaty rey, nitalake ty tarehe' i Sedome; le nindreza' i Avrahame
hasese'e mb'eo. 17 Aa hoe t'IEHOVÀ, Haètako amy Avrahame hao ty hanoeko, 18 fa toe
ho foko ra'elahy naho maozatse t'i Avrahame, vaho ie ty hahasoa-tata ze kila foko'
ty tane toy? 19 Apotako te hitoroa'e o ana'eo naho i hasavereña'e hanonjohy azey ty
hifahatse amo sata' IEHOVÀo hañorike ty hiti'e naho ty hatò; vaho ho henefe' IEHOVÀ i
nitsarae'e amy Avrahamey. 20 Le hoe t'IEHOVÀ, Mireoreo ty fitoreova' i Sedome naho
i Amorà, vaho loho mampioje o hakeo'eo! 21 Tsy mete tsy hizotsoako handrendreke
hera toe nanoeñe o hene toreo nahatakatse ahikoo; fa naho tsie le ho fantako.

* **18:6** Mete ho 22 litatse zay

22 Aa le nitolike mb’eo indaty rey nimb’e Sedome añe, fe mbe nijohañe añatrefa’
IEHOVÀ eo t’i Avrahame. 23 Niharinea’ i Avrahame le nanoa’e ty hoe, Haitoa’o mindre
amo tsereheñeo hao ty vantañe? 24 He amy rovay ty limam-polo mahity, haitoa’o
hao vaho tsy hapo’o i toetsey ty amy vantañe limampolo ama’e rey? 25 Lavits’ azo ty
hanao zay, ty hampitraofe’o fanjamanañe amo lo tserekeo o vañoñeo, hampamirañe
amo ratio ty toli’ o mahitio! Tsy marine azo zay! Tsy hanao ty hatò hao ty Mpizaka’ ty
tane bey toy? 26 Le hoe t’IEHOVÀ, Naho hanjo ondaty mahity limampolo amy rovay, le
hene hiheveako ty am’iereo i rovay. 27 Tinoi’ i Avrahame ty hoe: Ie zao, fa rinambeko
ty hitaroñe entam-bolañe amy Talè, zaho deboke naho lavenoke. 28 Hera ho po-lime
i limampolo vantañe rey, ho fonga rotsahe’o hao i rovay ty amy limey? Le hoe Re,
Naho manjo efapolo lim’ amby ao le tsy ho rotsaheko. 29 Nindrae’e ty hoe, Ke te ho
efapolo ty zoeñe ao? Tinoi’e ty hoe: Ty amy efapoloy tsy hanoeko. 30 Le hoe re, Ee te
tsy ho viñera’ i Talè t’ie mivolañe. Hera telo-polo ty ho zoeñe ao? Tinoi’e ty hoe, Tsy
hanoeko ka te tendrek’ ahy ty telopolo. 31 Hoe re, Kanao rinambeko ty hinday entañe
amy Talè; atao t’ie roapolo ty ho oniñe ao? Tinoi’e ty hoe, Ty amy roapolo rezay,
tsy harotsako. 32 Le hoe re. Ee any te tsy ho viñetse amako t’i Talè ami’ty entako
honka’e toy; atao t’ie folo ty ho zoeñe ao. Tinoi’e ty hoe, Tsy ho rotsaheko ty amy
folo rey. 33 Ie niheneke i tsara’e amy Avrahamey, le nienga t’IEHOVÀ; vaho nimpoly
mb’an-toe’e mb’eo t’i Avrahame.

# 19

*Ty Halomolore’ i Sedome*

1 Nandoake e Sedome amy harivay i anjely roe rey, naho niambesatse an-dalam-bei’
i Sedome ey t’i Lote. Niisa’ i Lote, le niongake hifanalaka am’iereo vaho naboko’e
an-tane ty lahara’e. 2 Hoe re: Eo hey, ry roandriañeo, Ehe, mivevea mb’ an-traño’
o mpitoro’oo mb’eo hialeñe ao naho hanasa fandia; le mañaleñaleña hanonjohy ty
lia’ areo. Hoe iereo, Aiy, apoho hialeñe an-kiririsa atoy. 3 Fe nimanea’e fiboliboly le
nitolike iareo nimoak’ añ’anjomba’e ao; le nañalankaña’e sabadidake naho nitono
mofo po-dalivay vaho nikama iereo. 4 Aa ie mbe tsy nàndre, inao o lahilahi’ i rovaio,
ondati’ i Sedomeo, ty ajalahy naho ty bey, ze kila lahilahy pak’am-pifaritsoha’e ro
niarikoboñe amy anjombay, 5 nikaike ty hoe amy Lote, Aia i lahilahy niheo mb’ama’o
hariva zao rey? Akaro ama’ay haharendreha’ay. 6 Niakatse an-tsarirañe t’i Lote le
narindri’e amboho’ey i lalañe 7 vaho nanao ty hoe, O ry rahalahikoo, ko anoe’ areo o
halò-tsereke zao. 8 Ingo hey, aman’ anak’ ampela roe mbe tsy mahavany lahy raho;
ehe angao hakareko mb’ama’areo atoy vaho ano am’iereo ze atao soa am-pihaino’
areo; fa ko anoa’ areo ndra inoñ’ inoñe amy lahilahy rey kanao mipalitse ambane
tafo-trañoko ao. 9 Fa hoe ka iereo, Misitaha! le tinovo’ iareo ty hoe, Niambahiny atoy
itia te niavy, aa vaho mipay ho mpizaka! Aa le ihe ty ho silofe’ay hisolo iareo. Le
zineha’ iereo mafe t’i Lote vaho didy tsy nampipoñake i lalambeiy. 10 Aa le nahiti’
i lahilahy rey o fità’eo le tinari’iareo hizilike mb’am’iereo añ’anjomba ao t’i Lote,
naho narindri’ iereo i lalañey, 11 vaho zinevo’ iareo an-kagoàñe o lahilahy an-dala’ i
anjombaio, ty kede naho ty bey, vaho nimokots’ avao iereo nipay i lalañey.

*Ty Firotsa’ i Sedome naho i Amorà*
*Mat 11.23-24; Lk 17.28-32*

12 Le hoe i lahilahy rey amy Lote, Ia ka ty ama’o atoañe? He vinanto’o ke ana-dahi’o,
ke anak’ ampela’o, ndra iaia ama’o an-drova atoa—akaro boak’ an-toetse atoy 13 fa
harotsa’ay ty rova toy, amy te nionjoñ’ añatrefa’ IEHOVÀ ty fikointsa’ ondati’eo, vaho
nirahe’ IEHOVÀ zahay handrotsak’ aze. 14 Aa le niavotse t’i Lote nanao ty hoe amo

vinanto nañenga o anak' ampela'eoo, Miongaha le iakaro ty toetse toy, fa ho rotsahe' IEHOVÀ ty rova toy. Fe natao' o vinanto'eo t'ie nisole.
15 Ie nanjirike ty maraindray, nanaeñe i Lote i anjely rey ami'ty hoe: Mitroara,
taono t'i vali'o naho o anak' ampela'o roe toañe, tsy mone ho mongoreñe ami'ty halotsere' ty rova toy. 16 F'ie nihenekenek' avao, le rinambe' o lahilahio ty fita'e naho ty
fita' i vali'ey vaho ty taña' i anak' ampela'e roe rey, ie niferenaiña' IEHOVÀ, le nendese'
iereo vaho napok' alafe' i rovay. 17 Ie fa nasese alafe ao le hoe re, Mirombaha fiay,
le ko mitoli-boho vaho ko tambatse am-bavatane atoa; miherereaha mb'am-bohitse
mb'eo tsy mone ho faopaoheñe. 18 Le hoe t'i Lote am' iereo: Ehe! tsie, ry talèko;
19 ingo te nisohe'o ty mpitoro'o, naho nonjone'o ty fitretreza'o ahy amy te rinomba'o
ty haveloko; f'ie tsy hahafilay mb' am-bohitse mb'eo, tsy mone hizo hankàñe vaho
hikenkañe. 20 Hehe ty marine naho mete rifiteñe o rova ey hoek' eo, fa kede 'nio.
Angao hihitrifako, tsy raha kede hao, soa te ho veloñe ty fiaiko? 21 Aa le hoe re
tama'e, Ingo, fa nandraeko ty lahara'o amo raha zao, fa tsy ho rotsaheñe i rovay
ty amy saontsi'oy. 22 Masikà, itribaho an-day, fa tsy hahapi-draha raho ampara' t'ie
mandoak' ey. Aa le natao ty hoe Tsoare i rovay. 23 Fa nanjirik' an-tane atoy i àndroy
te niavy e Tsoare ao t'i Lote.
24 Heneke zay, le nañiliña' IEHOVÀ solifara naho afo boak' am' IEHOVÀ andikerañe
ao ty Sedome naho i Amorà, 25 vaho narotsa'e i rova rey, naho i vava-tane iabiy naho
ze mpimoneñe amy rova rey vaho ze nitiry amy taney. 26 Fe nitoli-boho ty vali'e,
vaho ninjare vongan-tsira.
27 Nañaleñale mb'amy toetse nijohaña'e añatrefa' IEHOVÀy mb'eo t'i Avrahame
28 vaho nitalake mañambane eñe mb'amy Sedome naho i Amorà naho i vavatane
iabiy le nahaoniñe ty hatoe' i taney nionjoñe manahake ty fifororoaha' ty hatoempitranahañe.
29 Aa ie narotsan' Añahare o rova amy vavataneio, le nitiahin' Añahare t'i
Avrahame vaho nirahe'e hiakatse boak' añivo' i fandrotsahañey t'i Lote, ie finongo'e
o rova nimoneña' i Loteo.

*Ty Fiavi' i Mòabe naho i Amona*

30 Ie amy zao, niavotse boak'e Tsoare t'i Lote vaho nitobe ambohitse ey, ie naho
i anak' ampela'e roe ama'e rey, amy te nanembañe aze ty himoneñe e Tsoare;
aa le nimoneñe am-po lakato ao, ie naho i anak' ampela'e roe rey. 31 Le hoe ty
tañoloñoloña'e aman-jai'e, Fa bey 'nio ty raentika, vaho tsy eo t'indaty an-tane atoy
ty himoak' aman-tika an-tsata' ty tane bey toy. 32 Aa le antao hampikamaen-tika divay
ty raentika vaho hiolots' ama'e, hañajàn-tika tariratse ty raentika. 33 Nampikamae'
iereo divay ty rae'e amy haleñey; le nimoak' aman-drae'e ao ty tañoloñoloña'e
nifandia-tihy ama'e, f'ie tsy nahafohiñe ty nandrea'e ndra ty nitroara'e. 34 Ie
niloak'andro, le hoe i tañoloñoloña'ey aman-jai'e, Niolotse aman-draeko raho; antao
hampikamaentika divay indraike te hariva; le ihe ka ro hizilik' ao hifandia'o tihy,
hañajañe tariratse ho aman-draen-tika. 35 Aa le nampikamae' iereo divay indraike ty
rae' iareo amy haleñey; le niongake ty zai'e naho niolora'e; fe namoea'e ty fandrea'e
naho ty fitroara'e. 36 Aa le sindre nampiareñe' i Lote rae'e i anak'ampela'e roe
rey. 37 Nisamake ana-dahy i tañoloñoloña'ey le natao Mòabe ty añara'e; Ie ty rae'
o nte-Mòabeo pa-kenaneo. 38 Nahatoly ana-dahy ka ty zai'e vaho natao'e Benamý ty
añara'e; ie ty rae' o anak'Amoneo pak'androany.

# 20

*Avrahame naho i Sarà e Gerare*

1 Nañavelo boak’ao t’i Avrahame mb’an-tane atao Nègeve, le nitobe añivo’ i
Kadèse naho i Sore vaho nañialo e Gerare ao, 2 vaho hoe t’i Avrahame ty amy Sarà
vali’e, Rahavaveko re. Aa le nampañitrike t’i Abimeleke mpanjaka’ i Gerare vaho
rinambe’e t’i Sarà. 3 Le niheo amy Abimelek’ ama’ nofy te haleñe t’i Andrianañahare
nanao ty hoe ama’e. Inao! ondaty vetrake rehe, ty amy rakemba nalae’oy, amy te vali’
ondaty. 4 Ie amy zao tsy nañarine aze t’i Abimeleke; le hoe re, Ry Talè, ho vetrahe’o
ka hao ty fifeheañe vantañe? 5 Tsy ie hao ty nanao amako ty hoe, Rahavaveko re,
vaho ie ka ty hoe Rahalahiko. Nanoeko an-katsòn-troke naho an-kahitin-tañako. 6 Aa
le hoe t’i Andrianañahare ama’e ama’ nofy, Eka, apotako te nanoe’o an-kavantañan’
arofo; mbore kinalako rehe tsy handilara’o, le tsy nimeteko t’ie hitsapa aze. 7 Ie amy
zao, ampolio am’ indatiy ty vali’e; mpitoky re, le hihalalia’e t’ie ho veloñe. Fe naho
tsy hampoli’o, le mahafohina te toe havetrake, ihe naho o ao iabio.

8 Aa le nañaleñale t’i Abimeleke nikanjy ze hene mpitoro’e naho nitalilie’e an-
dravembia’ iereo; vaho fonga nangebahebake o lahilahio. 9 Kinanji’ i Abimeleke t’i
Avrahame le nanoa’e ty hoe, Inon-koahe ty nanoa’o ama’ay? Ino ty hakeoko ama’o
te nendesa’o amako naho amo fehekoo ty tahiñe jabajaba toy? Toe tsy fanao o raha
nanoa’ o ahikoo. 10 Hoe ka t’i Abimelek’ amy Avrahame, Ino ty nisafiri’o t’ie nanao o
raha zao? 11 Hoe t’i Avrahame, Foto’e, nataoko tsy ho ami’ty toetse toy ty fañeveñañe
aman’ Añahare vaho ho nañe-doza amako iereo ty amy valikoy.

12 Mbore toe rahavaveko re, anak’ ampelan-draeko fa tsy anan-dreneko, vaho
nivalieko. 13 Aa ie nampandifik’ ahy añ’ anjomban-draeko t’i Andrianañahare, le
hoe ty nanoako, Inao ty hasoa hanoa’o ahy amy ze toetse ivotrahan-tika, te hatao’o
ty amako : Rahalahiko re. 14 Nangalak’ añondry naho añombe, naho ondevo-lahy
naho ampela t’i Abimeleke vaho natolo’e amy Avrahame le nampoli’e ama’e t’i Sarà
vali’e. 15 Hoe t’i Abimeleke, Heheke, añatrefa’o o tanekoo; mimoneña amy ze satri’o.
16 Hoe re amy Sarà, Ingo, te nimeako volafoty arivo ty rahalahi’o ho tako-maso
amo hene mindre ama’oo; nahazo to re añatrefa ondaty iabio. 17 Nihalaly aman’
Añahare t’i Avrahame le nampijangañen’ Añahare t’i Abimeleke naho ty vali’e vaho
ondevo ampela’eo, t’ie hahasamake, 18 amy te fonga nakite’ IEHOVÀ heike ze hoviñe
añ’anjomba’ i Abimeleke ty amy Sarà vali’ i Avrahame.

# 21

*Ty Fisamahañe Ietsàke*

1 Aa le nitilike i Sarà t’IEHOVÀ amy nitsara’ey, le nanoe’ IEHOVÀ amy Sarà i
nitsarae’ey. 2 Niareñe t’i Sarà vaho nahatoly ana-dahy ho a i Avrahame ami’ty
haantera’e amy andro namantañañ’ azey ty amy tsinaran’ Añaharey. 3 Nimea’ i
Avrahame añarañe ty hoe Ietsàke i ana-dahy nitoly ama’ey, i nasama’ i Sarà ho
azey. 4 Nisavare’ i Avrahame t’Ietsàk’ ana’e ami’ty andro’e fahavalo amy nandilian’
Añahare azey. 5 Zato taoñe t’i Avrahame te nitoly ama’e t’Ietsàk’ ana’e.

6 Hoe t’i Sarà, Nampihehen’ Añahare raho, vaho mitrao-piankahak’ amako ze hene
mahajanjiñe ty amako. 7 Tinovo’e ty hoe, Ia ty ho nanao ty hoe amy Avrahame te
hampinono ajaja t’i Sarà? Ie nahatoly anake amy haantera’ey.

*Sinoik’ añe t’i Khagare naho Iesmaèle*

8 Nitombo i ajajay vaho niotàñe, le nanao takataka t’i Avrahame amy andro
nañota’e azey, 9 fe niisa’ i Sarà te ninje’ Iesmaèle ana’ i Khagare nte-Mitsraime
nisamahe’e ho a i Avrahamey, 10 le hoe re amy Avrahame, Soiho añe i ondevo-
ampelay naho i ana’ey, fa le lia’e tsy hitrao-dova am’ Ietsàk’ anako ty ana’ i ondevo-
ampelay.

11 Haloviloviañe am-pahaoniña' i Avrahame i hoe zay ty amy ana-dahi'ey. 12 Fa
hoe t'i Andrianañahare ama'e, Ko apo'o hampioremeñ' azo i jolingay naho i ampela
mpitoro'oy. Janjiño ze saontsie' i Sarà, ze feo'e iaby ama'o, amy te Ietsàke ty
hikanjiañe o tarira'oo. 13 Hanoeko fifeheañe ka ty ana' i mpitoro'o ampelay amy
te tiri'o.
14 Ie nañampitso amy loak' àndroy, le nandrambe mofo t'i Avrahame naho rano
an-kolitsena naho natolo'e amy Khagare, nasampe'e an-tsoro'e; le natolo'e aze ka i
jolingay vaho nirahe'e mb'eo. Nienga re vaho nirererere am-patrambei' i Beersevà
añe.
15 Ie nikapaike i rano an-kolitsenay le nakafi'e ambane rongoñe ao i kimosoy. 16 Le
nisitsitse, niambesatse tandrife aze amy ze ho taka-pilereñe ey fa hoe re: Lonike te
tsy hahatrea ty fivetrahan' anakoo. Aa le nitobòke marine eo re vaho nañonjo-peo
nangolololoike.
17 Jinanjin' Añahare ty feo' i jolingay, le kinanji' ty anjelin' Añahare boak'
andikerañe ao t'i Khagare vaho nanoa'e ty hoe, O Khagare, ino o mañore azoo?
Ko hemban-drehe, fa jinanjin' Añahare ty feo' i jolinga eiy. 18 Miongaha, atroaro
i jolingay le rambeso am-pità'o, amy te hanoeko foko ra'elahy. 19 Aa le sinokan'
Añahare o fihaino'eo vaho nioni'e ty vovoñe aman-drano. Aa le nimb' eo re,
nampipea rano amy holitsènay vaho nampinoñe i jolingay. 20 Taman' Añahare i
jolingay, le nihabey naho nimoneñe andratraratra añe vaho ninjare mpitàm-pale.
21 Ie nitobok' am-patrambei' i Parane ao, le nangala' i rene'e valy boak'e Mitsraime
añe.

### *Ty Fañina te Beersevà*

22 Ie henane zay nanao ty hoe amy Avrahame t'i Abimeleke naho i Pikole mpifehe o
lahindefo'eo, Ama'o t'i Andrianañahare amy ze fanoe'o iaby. 23 Aa le mifantà amako
etoañe aman' Añahare te tsy ho fañahie'o raho naho i anakoy naho ty anan' anako; fa
i fitretrezako ama'oy naho i tane nañialoa'oy ty anoa'o amako. 24 Le hoe t'i Avrahame:
Ifantàko!
25 Le nendaha' i Avrahame t'i Abimeleke ty amy vovon-drano tinava' o mpitoro'eoy,
26 le hoe t'i Abimeleke, amoeako ze nanao izay, tsy sinaontsi'o amako 'nio, fa androany
te tsinanoko. 27 Aa le nandrambe añondry naho añombe t'i Avrahame vaho natolo'e
amy Abimeleke le nifañina ie roe. 28 Navì' i Avrahame amo añondri'eo ty vi'e vave
fito. 29 Le hoe t'i Abimelek' amy Avrahame, Ino o vi'e vave fito navi'oo? 30 Hoe re,
Rambeso an-tañako o vik' añondry vave fito retiañe ho valolombeloñe amako te zaho
ro nihaly ty vovoñe toy. 31 Aa le natao ty hoe Beersevà* i toetse zay; amy te nifañina
eo iereo roe.
32 Aa ie fa nifañina e Beersevà ao, le nimpoly mb'an-tane' o nte-Pilistio mb'eo t'i
Abimeleke naho i Pikole mpifehen-dahin-defo'e. 33 Nambole kile raike e Beersevà ao
t'i Avrahame vaho eo ro nikanjia'e ty tahina' IEHOVÀ Andrianañahare nainay donia.
34 Le nañialo an-tane nte-Pilisty añe andro maro t'i Avrahame.

## 22

### *Tsinoke t'i Avrahame*

1 Añe irezay, le nitsohen' Andrianañahare t'i Avrahame, le nanoa'e ty hoe, O
Avrahame! Itoan-draho, hoe re. 2 Le hoe re: Endeso henaneo i ana'o Ietsàke bako
toka'o kokoa'oy, le mañaveloa mb' an-tane Morià añe vaho iengao ho soron-koroañe
ami'ty vohitse hivolañako.
3 Nañaleñaleñe amy loak'àndroy t'i Avrahame le nanampeza'e fitobohañe amy
borìke'ey. Nindese'e mindre ama'e ty roe amo mpitoro'eo naho Ietsàk' ana'e, le

* 21:31 Beersevà: Vovo ty fito, vovom-paniña

tsinera’e ty hatae’ i soroñey, le niongake vaho nionjoñe mb’amy toetse nitsaraen’
Añahare mb’eo. 4 Ie amy andro faha-teloy, niandra t’i Avrahame nahatalake i vohitsey
eñe. 5 Hoe re amo mpitoro’eo, Etoañe hey nahareo naho i borìkey; homb’ eroan-
draho naho i ajalahiy, hitalaho vaho hibalike.
6 Rinambe’ i Avrahame ty hatae hañoroañe i soroñey naho nasampe’e amy Ietsàk’
ana’e, vaho ninday afo naho mesolava am-pita’e, le niharo lia mb’eo iereo roe, 7 le
hoe ty asa’ Ietsàke aman-drae’e: O aba? hoe t’i Avrahame, Eñ’ anako intoy raho?
Etia ty afo naho ty hatae fa aia ka ty vik’añondry hisoroñañe? 8 Hoe t’i Avrahame, I
Andrianañahare, anako, ro hanolotse ty vi’e hisoroñañe. Aa le niharo-lia iereo roe,
9 naho nandoak’ amy toetse natoron’ Añaharey, naho nitsene kitrely eo t’i Avrahame
naho nalaha’e ama’e ty hatae, naho narohi’e i ana’e Ietsàkey vaho nasampe’e amy
kitreliy, amo hataeo. 10 Nahiti’ i Avrahame amy zao ty fità’e nandrambe i fibaray
handenta i ana’ey. 11 F’ie kinanji’ ty anjeli’ IEHOVÀ boak’ andikerañe ao ami’ty
hoe, O Avrahame, Avrahame! Le hoe re, Intoy raho. 12 Hoe re, Ko apao’o amo
ajalahio ty fità’o hanoa’o inoñ’ inoñe, amy te apotako henaneo t’ie mpirevendreveñ’
aman’ Añahare amy te tsy nazi’o amako ty anadahy bako-toka’oy. 13 Nampiandrae’
i Avrahame amy zao o fihaino’eo nañisake, le hehe amboho’e ao ty añondrilahy
nivahoran-drongoñe an-tsifa’e. Nimb’eo t’i Avrahame nandrambe i añondrilahiy
le nengae’e ho soroñe hisolo i anadahi’ey. 14 Aa le natao i Avrahame ty hoe,
IEHOVÀ Mahavazoho, vaho ie i tsaraeñe henaneo ami’ty hoe, Ambohi’ IEHOVÀ ao ty
hahaoniñañe aze.
15 Nikanjy boak’amo likerañeo fañin-droe’e amy Avrahame ty anjeli’ IEHOVÀ,
16 nanao ty hoe, Nifanta ami’ty vatako raho, hoe t’IEHOVÀ: Kanao nanoe’o o raha
zao naho tsy nitana’o amako i ana-dahi’oy, i bako-lahi-toka’oy, 17 le am-pitahiañe
ty hitahiako azo vaho am-pitomboeñe ty hampitomboeko o tarira’oo ho mira amo
vasian-dikerañeo naho mira amo faseñe añ’olon-driakeo, naho ho fanaña’ o tarira’oo
o lalambein-drafelahi’eo, 18 vaho i tarira’oy ty hañanintsiñe ze kila foko’ ty tane toy,
amy te norihe’o ty feoko. 19 Aa le nimpoly mb’amo ajalahio t’i Avrahame le niongake
iereo nitrao-dia mb’e Beersevà mb’eo; vaho nimoneñe e Beerseva añe t’i Avrahame.

### *O Ana’o Nakoreo*

20 Ie nimodo, le natalily amy Avrahame ty hoe, Nahatoly anak’ añamy Nakore
rahalahi’o ka t’i Milkae: 21 i Otse ty tañoloñoloña’e naho rahalahi’e t’i Boze vaho
i Kemoele rae’ i Arame, 22 naho i Kesede, i Kazò, i Pildase, Iedlafe, vaho i Betoele.
23 Nisamake i Ribkae t’i Betoele. I valo rey ty nasama’ i Milkae amy Nakore, rahalahi’
i Avrahame. 24 Mbore nahatoly ka i sakeza’e atao Reomàey le i Tèbake, i Gàkame, i
Tàkase, vaho i Maakà.

## 23

### *Ty Havilasi’ i Sarà*

1 Zato tsi-roapolo fito’amby taoñe ty haantera’ i Sarà, ty taon-kavelo’ i Sarà, 2 ie
nivilasy e Kiriàte-arbà (toe i Kebròne) an-tane’ Kanàne ao; le nimbeo t’i Avrahame
handala i Sarà vaho hirovetse aze. 3 Niongak’ amy vilasi’ey t’i Avrahame vaho
nisaontsy amo nte-Kheteo, ami’ty hoe, 4 Renetane naho mpañialo ama’ areo raho;
anoloro hanañañe ama’ areo handentehako i vilasikoy tsy ho aolom-pihaino. 5 Le
hoe ty natoi’ o nte-Kheteo amy Avrahame, 6 Ijanjiño roandriako; Mpifeleke ama’ay
rehe. Alenteho an-kibory lengo’e ama’ay i vilasi’oy, tsy ia ama’ay ty hitañe azo
amy lona’ey tsy handeveña’o i vilasi’oy. 7 Niongake t’i Avrahame vaho nibokok’
am’ ondati’ i taneio, amo ana’ i Kheteo, 8 le nisaontsia’e ty hoe, Naho no’areo ty
handentehako tsy ho aolom-pihainoko i vilasikoy, le janjiño, vaho halalio t’i Efrone

ana’ i Tsokare 9 ty hanolora’e ahiko i lakato’ i Makpelà ama’ey; i añ’ ila’ i tete’eiy.
Ami’ty vola-foty do’e ty hanolora’e ahy ho fanañako añivo’ areo ao ho fandentehako.
10 Niambesatse añivo’ o nte-Kheteo t’i Efrone; vaho hoe ty natoi’ i Efrone nte-Khete
amy Avrahame am-pijanjiña’ ze hene nte-Khete mpiheo mb’an-dalam-bei’ i rovaio:
11 Aiy! ry Androanavio: Janjiño raho, fa omeiko azo i tonday, naho atoloko azo i lakato
ama’ey. Añatrefa’ o ana’ ondatiko etoañe ty anolorako azo; aleveño i vilasi’o. 12 Aa
le nibokok’ añatrefa’ ondati’ i taneio t’i Avrahame, 13 vaho nanao ty hoe amy Efrone
am-pijanjiña’ ondati’ i taneio, Aa naho mete le janjiño o ahikoo! Hitolorako drala
amy tetekey; andrambeso amako le haleveko ao i vilasikoy. 14 Nanoiñe i Avrahame
t’i Efrone ami’ty hoe, 15 O talèko, Inao ; mañeva 400 sekelem-bolafoty i taney, fa inon-
jay añivon-tika? Aleveño i vilasi’oy. 16 Niantofa’ i Avrahame t’i Efrone le linanja’e
amy Efrone i volafoty tsinara’e am-pijanjiña’ o nte-Kheteoy, i sekele volafoty 400 an-
danjam-pandetake rey.

17 Aa le tsitsike voalily ty tonda’ i Efrone e Makpelà ao atiñana’ i Mamrè añe, i
tetekey reketse ty lakato’e ao, naho ze hatae amy tetekey naho ze mifahetse amy
taney, 18 amy Avrahame ho fanaña’e añatrefa’ o ana’ i Kheteo, aolo’ ze mpimoak’ an-
dalambei’ i rovay. 19 Añe zay le naleve’ i Avrahame amy lakato an-tete’ i Makpelày
miatreke i Mamrè (toe i Khebrone) an-tane Kanàne ao t’i Sarà. 20 Songa pinate’ o
ana’ i Kheteo ho a i Avrahame i tonday rekets’ i lakato ama’e ao ho fandetehañe.

# 24

*Nañenga’ Ietsàke t’i Ribkae*

1 Ie amy zao, nigain-kantetse t’i Avrahame, lifots’ andro; vaho nitahie’ IEHOVÀ amy
ze he’e t’i Avrahame. 2 Hoe t’i Avrahame amy zokem-pitoro’e añ’ anjomba’ey, ie
mpamandroñe ze hene vara’e, Ano ambane feko atoa ty fità’o, 3 fa hampifantako
añam’ IEHOVÀ, Andrianañaharen-dikerañe naho Andrianamboatse ty tane toiy rehe
te tsy hangala-baly ho a i anakoy amo anak’ampela nte-Kanàne itraofako fimoneñeo
4 fe mañaveloa mb’an-taneko naho mb’aman-dongoko mb’eo hangala-baly ho a’
Ietsàk’ anako. 5 Aa hoe i mpitoro’ey ama’e, Hera tsy mete hañorik’ ahy mb’an-
tane atoy i ampelay; ie amy zao hendeseko mimpoly mb’amy tane nihirifa’o añey
hao i ana’oy? 6 Hoe t’i Avrahame tama’e, Mitaoa tsy hampoli’o añe i anadahikoy.
7 IEHOVÀ Andrianañaharen-dikerañe ninday ahy niakatse ty anjomban-draeko naho
i tanen-dongokoy vaho nifanta ty hoe amako, Hatoloko amo tarira’oo o tane toio, ie
ty hañitrike i anjeli’ey aolo’o hangalà’o valy añe ho amy ana-dahikoy. 8 Aa naho tsy
mete hañorik’ azo i ampelay, le ho afak’ amo nampifantàkoo; fe tsy hampoli’o añe i
ana-dahikoy. 9 Aa le nanoe’ i mpitoroñey ambanen-tso’ i Avrahame talè’ey ty fità’e
vaho nitsokòse ama’e i hoe zay.

10 Nalae’ i mpitoro’ey amy zao ty rameva folo amo ramevan-talè’eo le niavotse,
naho hene am-pita’e ao ze varan-talè’e, ie niongake nionjoñe mb’e Arame-naharaime,
mb’an-drova’ i Nakore añe. 11 Nampitongalefe’e alafe’ i rovay marine ty vovoñe
ey o ramevao, naho fa hiroñe i àndroy, ami’ty fiavota’ o ampela hitarikeo. 12 Le
hoe re, Ry IEHOVÀ, Andrianañahare’ i Avrahame talèkoy, miambane ama’o, anoloro
fahatafeterañe te anito vaho ferenaiño t’i Avrahame talèko. 13 Vazohò t’ie mijohañe
marine rano migoangoañ’ atoy vaho fa mitoha rano mb’etoa o anak’ ampela’ ondati’
i rovaio, 14 le ehe te ty ampela hataoko ty hoe, Ehe azotso amo kiboloha’oo hinomako,
vaho hanoe’e ty hoe, Mikamà le hampinomeko ka o rameva’oo, le toe ie ty nedre’o
ho a i mpitoro’o Ietsàkey, haharendrehako te niferenaiñe’o i talèkoy.

15 Mbe tsy nigadoñe i saontsi’ey, te ingo nitoha mb’eo t’i Ribkae, nasama’ i Betoele
ana’ i Milkae, vali’ i Nakore rahalahi’ i Avrahame, ninday ty amboara’e an-tsoro’e.

16 Somondrara* trenotreno'e am-pahoniñan-dre, ampela miehañe mbe tsy nahavany
lahy, nizotso mb'an-drano mb'eo, le nipeae'e i amboara'ey vaho niañambone mb'eo.
17 Nihitrihitry hifanalaka ama'e i mpitoroñey, nanao ty hoe, Ehe anjotsò, hitsopeke
rano amo kiboloha'oo. 18 Mikamà, roandria hoe re, le nazè'e aniany an-taña'e i
kiboloha'ey le nanjotsoa'e. 19 Ie niheneke ty nampikama'e aze, le hoe re, Ho tarihako
ka o rameva'oo ampara' te etsa-drano. 20 Aa le nalonga'e amy zao an-dabaoga ao
i amboara'ey naho nilay mb'am-bovom-b'eo indraike hitarike le songa nitariha'e o
rameva'eo. 21 Nilatsa' indatiy, nianjiñe avao haharendreha'e ke nampihenefa' IEHOVÀ
i lia'ey he tsie.

22 Ie hene enen-drano o ramevao, le rinambe' indatiy ty bangen-oroñe volamena
nilanja vakin-tsekele naho ty ravake roe ho an-tsira'e nilanja volamena folo 23 vaho
nanao ty hoe, Toñono amako, ana'ia rehe. Ehe mete tsahatse anay hialeñe hao ty
añ'akiban-drae'o? 24 Hoe re tama'e, Ana' i Betoele, ana' i Milkae raho, nasama'e amy
Nakore.

25 Nitovoña'e ty hoe, Amañ' ahetse naho hanen-kare mahaheneke zahay vaho
traño ialeñañe. 26 Nabotre' indatiy ty añambone'e nitalaho am' IEHOVÀ, 27 ami'ty
hoe, Andriañeñe abey t'IEHOVÀ Andrianañahare' i Avrahame talèko, te tsy nitana'e
amy talèkoy ty fiferenaiña'e naho ty figahiña'e, naho niaolo ahiko mb'añ'anjomban-
dongo' i talèkoy t'IEHOVÀ.

28 Nilay mb'añ'anjomban-drene'e mb'eo amy zao i somondraray nitalily irezay.
29 Aman' drahalahy atao Labàne t'i Ribkae, le nihitrike ty lay mb' am' indaty
am-bovoñey t'i Labàne, 30 ie nioni'e i bangen-oroñey, naho o ravak' an-tsiran-
drahavave'eo, naho nitalilia'e ty hoe: Inao ty nisaontsia' indatiy, le nimb' am' indatiy
mb'eo vaho naheo'e t'ie nijohañe marine o rameva'eo amy vovoñey. 31 Hoe re,
Miheova, ry tahie' IEHOVÀ. Ino ty ijohaña'o alafe atoy? fa nihajarieko traño naho
toetse o ramevao. 32 Aa le nimoak' añ' anjomba ao indatiy naho nafaha' i Labàne
amo ramevao i kilankañey, naho tinolo'e ahetse naho haneñe o rameva'eo, naho
rano hanasañe ty fandia'e naho o fandia' ondaty nindre ama'eo. 33 Nanjotsoañe
hikama, fa hoe ka re, Tsy hihinañe naho tsy taroñeko hey i namantohañ' ahiy. Hoe
ty natoi'e, Itaroño.

34 Aa le hoe re, Mpitoro' i Avrahame raho. 35 Fa ra'elahy ty fitahia' IEHOVÀ i talèkoy,
vaho mpañaleale re henaneo; ie nitolora'e añondry naho añombe naho volafoty
naho volamena, ondevo lahy naho ampela, rameva naho borìke, 36 mbore nisamak'
ana-dahy añamy talèkoy t'i Sarà vali'e ie fa bey, vaho natolo'e aze ze he'e ama'e.
37 Nampifantan-talèko ahy ty hoe, Ko angala'o valy amo anak' ampela nte-Kanàne,
tompo' ty tane imoneñako atoio i anakoy; 38 fa ty anjomban-draeko ty homba'o; amo
rolongokoo ty hangala'o valy ho a i anakoy. 39 Le hoe raho amy talèkoy, Kera tsy
hañorik' ahy i ampela zay. 40 Fa hoe re amako, IEHOVÀ iatrefako lia ro hañitrike
ty anjeli'e ama'o hampitafetetse ty lia'o, hangala'o valy aman-dongoko añe, añ'
anjomban-draeko ao, i anakoy. 41 Le ho afak' amy nifantàkoy rehe lehe mivotrak'
aman-drolongoko ao fe tsy hitolora' iareo, vaho toe ho haha amy nifantàkoy.

42 Niheo mb'amy vovoñey raho anindroany, nanao ty hoe, Ry IEHOVÀ, Andria-
nañahare' i Avrahame talèkoy, ee te ho tafetere'o henanekeo ty liako! 43 Hehe
te mijohañe am-bovon-drano atoy raho; le ze somondrara miakatse hitari-drano
volañeko ty hoe, Anjotsò rano hitsopehako amo dabakera'oo; 44 le ie hanao amako ty
hoe, Mikamà vaho hitarihako ka o rameva'oo, ehe t'ie i somondrara nitendre' IEHOVÀ
ho amy ana' i talèkoiy.

45 Aa mbe tsy nimodo i entako an-trokoy, hehe te pok'eo t'i Ribkae, i favinta'ey
an-tsoro'e eo naho nizotso mb' an-drano mb'eo hitarike, le hoe ty nanoako, Ehe,

* **24:16** Somondrara: ze atao tsy nahavany lahy

ampinomo; 46 nalisa re nampizotso i kiboloha’ey le nanao ty hoe, Mikamà, vaho
hampinomeko ka o rameva’oo. Aa le ninoñe raho vaho nanesea’e iaby o ramevao.
47 Le hoe ty ontaneko ama’e, Ana’ ia v’iheo? Hoe re, Ana’ i Betoele, ana’ i Nakore
nisamaha’ i Milkae. Aa le nanoeko añ’oro’e eo i bangey naho amo sira’eo o ravakeo.
48 Le nabotreko ty lohako nitalaho am’ IEHOVÀ vaho nandriañeko t’IEHOVÀ Andria-
nañahare’ i Avrahame talèkoy, i nanehak’ ahy andalam-bantañe hangalako ty ana-
dongo’ i talèkoy ho a i ana’eiy. 49 Ie amy zao, naho mete hifandahatse an-kavañonañe
naho an-kahiti’e amy talèkoy le isaontsio, fa naho tsy zay, isaontsio, hivihako mb’an-
tañan-kavana ndra mb’an-kavia.

50 Le hoe ty natoi’ i Labàne naho i Betoele, Toe boak’ am’ IEHOVÀ o raha zao; tsy
mete ivolaña’ay ndra ty soa ndra ty raty. 51 Ingo, añatrefa’o t’i Ribkae, rambeso;
mañaveloa vaho ampañengao i anan-talè’oy ty amy tsara’ IEHOVÀY.

52 Ie nahajanjiñe i enta’ iareoy i mpitoro’ i Avrahamey, le niankohoke an-tane
am’ IEHOVÀ; 53 vaho naaka’ i mpitoroñey amy zao ty bije volafoty naho ty voatsiriry
volamena naho saroñe, le natolo’e amy Ribkae; nomei’e raha sarobily ka i rahalahi’ey
naho i rene’e. 54 Nikama naho ninoñe amy zao re naho ondaty nitraok’ ama’eo,
vaho nialeñe ao. Ie nitroatse maraindray le hoe re, Ampionjono mb’ amy talèkoy
mb’eo. 55 Hoe ka ty rahalahi’e naho i rene’e, Angao hitobok’ ama’ay atoy hey re,
va’e folo andro vaho hienga. 56 Fa hoe re tam’iereo, Ko ampiroñonen-draho; kanao
nampihenefe’ IEHOVÀ ty liako, iraho mb’eo himpoly mb’an-talèko mb’eo. 57 Hoe iereo,
Ho tokave’ay i ampelay, hañontane am-bava’e. 58 Aa le kinanji’iareo t’i Ribkae, vaho
nanoa’e ty hoe, No’o hao ty hindre lia am’ ondatio? Handeha raho, hoe re. 59 Aa
le nampionjone’ iereo mb’eo t’i Ribkae, rahavave’ iareo naho i mpiatra’ey, naho i
mpitoro’ i Avrahamey naho ondati’eo. 60 Le tinata’ iareo t’i Ribkae naho nanoa’ iareo
ty hoe, Ee te ihe, rahavave’ay ro hitombo añ’arivo naho añ’ale; naho ho fanaña’ o
tarira’oo o lalam-beim-palaiñ’ azoo.

61 Niongak’ amy zao t’i Ribkae naho o mpiatra’eo, nijoñe an-drameva nañorike
indatiy; aa le nendese’ i mpitoroñey t’i Ribkae vaho nañavelo mb’eo.

62 Ie henane zay niakatse amy lala’ i Vovon-Daka’iroiy t’Ietsàke, ie fa nimoneñe
an-tane’ Nègeve ao. 63 Niavotse amy harivay t’Ietsàke hitalaho an-kivok’ ao, aa
ie niandra, le naheo’e te rameva ty nimb’ama’e mb’eo. 64 Niandra ka t’i Ribkae
nahaoniñe Ietsàke le nizotso amy ramevay, 65 nañontane amy mpitoroñey ty
hoe, Iam-bao ondaty midraidraitse an-kivoke ey hifanalaka aman-tikañeo? Hoe i
mpitoroñey, Ty talèko ‘nio. Rinambe’e amy zao i sarimbo’e mangarakarakey le
nisaroñe. 66 Hene natalili’ i mpitoroñey am’ Ietsàke o nanoe’eo. 67 Le nendese’
Ietsàke nizilik’ an-kibohon-drene’e ao naho nengae’e ho vali’e t’i Ribkae; naho
nikokoa’e vaho nitendreke hanintsiñe amy havilasin-drene’ey t’Ietsàke.

# 25

*Nañenga i Ketora t’i Avrahame*

1 Nangala-baly indraike t’i Avrahame, i Ketoràe ty tahina’e. 2 Le nisamaha’e t’i
Zimràne naho Ioksane naho i Medane naho i Midiane naho Isbake vaho i Sòahke.
3 Nisamake i Sebà naho i Dedane t’i Joksane. I Asorý ty ana-dahi’ i Dedane, le
i Letosý vaho i Leomý. 4 O ana-dahi’ i Midianeo le i Efà naho i Èfere naho i
Kanòke naho i Abidà vaho i Eldaa, songa ana’ i Ketorà. 5 Natolo’ i Avrahame am’
Ietsàke iaby ze vara’e. 6 Le tinolo’e ravoravo o anan’ tsakeza’eo, ie mbe niveloñe, le
nampifokofokoe’e maniñanañe mb’an-tane atiñanañe añe hisitake am’Ietsàke.

*Ty Havilasi’ i Avrahame*

7 Aa le zao o andron-taon-kavelo' i Avrahame, o niveloma'eo: zato-tsi-fitompolo lim'
amby taoñe. 8 Nipetroke fara'e t'i Avrahame vaho nivilasy an-kasoan-kantera'e, bey
naho lifotse andro, vaho natontoñe am' ondati'eo. 9 Naleve' Ietsàke naho Iesmaèle
ana'e amy lakato' i Makpelày re, amy tonda' i Efrone, ana' i Tsòkhare nte-Kheteiy,
aolo' i Mamrè ao, 10 i teteke vinili' i Avrahame amo nte-Kheteoy. Naleveñe ao t'i
Avrahame naho i Sarà vali'ey. 11 Ie añe ty fihomaha' i Avrahame, le nitahien' Añahare
t'Ietsàk' ana'e; vaho nimoneñe marine ty vovo' i Laka'iroý eo t'Ietsake.

*O ana' Iesmaèleo*
*1 Ta 1.29-31*
12 Intoy o tarira'Iesmaèle, ana' i Avrahame nasama' i Khagare nte-Mitsraime,
fetrek' oro' i Sarà amy Avrahameo. 13 Zao ty tahina' o ana' Iesmaèleo, amo tahina'eo,
ie toñoneñe amo tarira'eo : le i Nebaote tañoloñolo' Iesmaèle naho i Kedare, i
Adbeèle, i Mibsame, 14 i Mismà, i Domà, i Masà, 15 i Khadade, i Temà, Ietore, i Nafìse,
vaho i Kedemà. 16 Zay o ana' Iesmaèleo naho o tahina' iareoo amo rova'eo, naho amo
kialo'eo, roandriañe folo-ro' amby o fifokoa'eo. 17 Zato tsy telopolo fito amby taoñe ty
halava-havelo' Iesmaèle, te nikofòke ty fara-pipetro'e naho nivilasy vaho natontoñe
am'ondati'eo. 18 Nitoetse boak'e Havilà pak'e Sòre tandrife' i Mitsraime añe iereo
amy fombañe mb'e Asòre mb'eoy. Nidoñe tandrife' o rahalahi'e iabio re.

*Fanoñona' i Iesmaele naho Ietsàke*
19 Zay ty fanoñona' Ietsàk' ana' i Avrahame.

*I Iakòbe naho i Esave*
Nisamake Ietsàke t'i Avrahame; le 20 efa-polo taoñe t'Ietsàke te nañenga i Ribkae
ana' i Betoele nte-Arame boake Padan' arame, rahavave' i Labàne nte-Arame.
21 Nihalaly am' IEHOVÀ t'Ietsàke ty amy vali'e, ie betsiterake. Tinoi' IEHOVÀ i
halali'ey vaho niareñe t'i Ribkae. 22 Nifaniotsiotse an-kovi'e ao o ajajao, le hoe re:
Aa naho zao ty ie, ino ty hanoeko? Aa le nimb'eo re nañontane IEHOVÀ. 23 Le hoe
t'IEHOVÀ ama'e:
Foko roe ty an-kovi'o ao,
hiambake ondaty ho samahe'oo;
Haozatse te ami'ty raike ty raike,
Vaho hitoroñ'an-jai'e ty zoke'e.
24 Ie tondroke ty andro nisamaha'e, le ajaja hambañe ty an-kovi'e ao. 25 Nimena
iaby ty zoke te niakatse, hoe nisarom-bolovoloeñe ty sandri'e; le natao' iereo Esave*
ty añara'e. 26 Nanonjohy aze i rahalahi'ey; nivontititse an-tomi' i Esave ty taña'e le
natao Iakòbe† ty añara'e. Enempolo taoñe t'Ietsàke te nahatoly iareo t'i Ribkàe.
27 Nitombo i lahilahy rey, le nimpitsindroke am-bantam-pitañe t'i Esave, mpian-
kivoke; fe ondaty saoneñe t'Iakòbe, mpimoneñe an-kibohotse. 28 Nikokoa' Ietsàke
t'i Esave, amy t'ie nikama o tsindro'eo; fe nikokoa' i Ribkae t'Iakòbe.

*Naleta' i Esave ty Natañoloñoloña'e*
*(Heb 12.16)*
29 Teo te nahandro antake t'Iakòbe, le nilimpoañe t'i Esave te boak' an-kivok' añe.
30 Aa hoe t'i Esave am' Iakòbe, Anjotso o raha menao, fa midaliendalieñe. (Aa le natao
Edome‡ ty tahina'e.) 31 Hoe t'Iakòbe, Aletaho amako henane ty hatañoloñoloña'o,
32 Hoe t'i Esave, toe hikenkan-draho, inoñe amako ze o hatañoloñoloñañe zao?
33 Hoe t'Iakòbe, Mifantà amako heike. Aa le nifanta ama'e vaho naleta'e am' Iakòbe
i hatañoloñoloña'ey. 34 Le nazotso' Iakòbe amy Esave ty mofo naho i ahandro

* **25:25** Esave: ty mpitoloñe ndra mpamonitse † **25:26** Iakobe: mpitan-tomitse; mpibaliketsake ‡ **25:30**
Edome: mena

antakey; ie nikama naho ninoñe le niongake vaho niribotse mb’eo. Toe nañonjitse i hatañoloñoloña’ey t’i Esave.

# 26

*Ietsàke naho i Abimeleke*
1 Ie amy zao nikerè ty tane, nandimbe i hasalikoañe nifetsake tañandro’ i
Avrahamey. Le noly mb’e Gerare mb’ amy Abimèleke nte-Pilisty mb’eo t’Ietsàke. 2 Ie
amy zao, nisodehañe am’ Ietsàke t’IEHOVÀ nanao ty hoe, Ko mitaveam-b’e Mitsraime
añe; fa mitobea an-tane hatoroko azo. 3 Mimoneña an-tane atoy, le himbaeko vaho ho
tahieko; amy te hatoloko azo naho amo tarira’o iabio o tane retoañe; le ho henefeko ty
fanta nifantàko amy Avrahame rae’o. 4 Hampiraeko amo vasian-dikerañeo o tarira’oo
naho hatoloko amo tarira’oo o hene tane toañeo vaho amo tarira’oo ty hitahiañe ze
hene foko an-tane atoy 5 amy te nihaoñe’ i Avrahame ty feoko le nitambozore’e i
namantohakoy, o fepèkoo, o fañekoo vaho o Fanoroakoo*.
6 Aa le nitoetse e Gerare ao t’Ietsàke. 7 Ie nañontane i vali’ey ondati’ i rovaio, le
hoe re, Rahavaveko toke, amy t’ie nihembañe tsy te hanao ty hoe, Valiko, fa natao’e
te hañe-doza ama’e ondatio, ty amy hamontramontra’ i Ribkae. 8 Ie tambatse ela ao
t’Ietsàke le nitilihitse ami’ty lalan-kede t’i Abimeleke mpanjaka’ o nte-Pelistio: niisa’e
te heheke nitsapatsapa i Ribkae vali’e t’Ietsàke. 9 Aa le nampikanjie’ i Abimeleke
t’Ietsàke vaho nanoa’e ty hoe, Toe vali’o re! Ino ty nanoe’o ty hoe Rahavaveko? Hoe
t’Ietsàke tama’e, Nataoko hera hikenkañe ty ama’e raho. 10 Hoe ty Abimeleke, Inoñe
arè ty nanoe’o ama’ay? Kera niolots’ amy vali’oy t’indaty le ho nañakeo anay rehe.
11 Aa le hinatahata’ i Abimeleke ondati’e iabio ami’ty hoe, Toe havetrake ze mitsapa
t’indaty toy ndra i vali’ey.
12 Nitongy amy taney t’Ietsàke le nanatake in-jato amy taoñey avao, amy te nitahie’
IEHOVÀ, 13 vaho niha-mpañarivo indatiy le mbe nionjoñe avao ty firaoraoa’e ampara’
te nimpañaleale. 14 Ie amam-pirai-lia naho mpirai-troke vaho tsiefa o pitoro’eo, le
nikirañe aze o nte-Pilistio. 15 Aa le finempe’ o nte-Pilistio naho linembeke tane o
vovoñe hinali’ o mpitoron-drae’eo tañandro’ i Avrahameo. 16 Le hoe t’i Abimelek’
am’Ietsàke, Misitaha, fa loho maozatse te ama’ay rehe.
17 Aa le nienga boak’ao t’Ietsàke naho nitobe am-bavatane’ i Gerare vaho nitoetse
eo; 18 le sinoka’ Ietsàke indraike o vovon-drano nihalieñe tañandro’ i Avrahame
rae’eo, o linembe’ o nte-Pilisty iabio naho fa nihomake t’i Avrahame; vaho nitokave’e
amo añarañe nitokavan-drae’e. 19 Le nihaly amy vavataney o mpitoro’ Ietsàkeo le
nanjo vovoñe nigoangoan-drano. 20 Fe nifandietse amo mpiara’ Ietsàkeo o mpiarake
nte-Gerareo ami’ty hoe, Anay o ranoo, le natao’e ty hoe Eseke† i vovoñey kanao
nifandiera’ iereo. 21 Nihaly vovoñe indraike iereo vaho nifanjomorañe ka, aa le
nitokave’e Sitnà‡. 22 Ie niveve mb’eo le nihaly vovoñe indraike, f’ie tsy am-pifanoiñe,
le natao’e ty hoe Rehobota§ ami’ty hoe, Fa nañivake ho anay t’IEHOVÀ le hiraorao an-
tane atoy.
23 Boak’ ao re nionjoñe mb’e Beersevà mb’eo. 24 Le nisodehañe ama’e amy haleñey
t’IEHOVÀ nanao ty hoe, Zaho ro Andrianañahare’ i Avrahame rae’o; ko hemban-drehe
fa ama’o raho le ho tahieko vaho hampitozantozañeko o tarira’oo ty amy Avrahame
mpitorokoy. 25 Aa le nandrafetse kitrely eo naho nikanjy ty tahina’ IEHOVÀ naho
naore’e eo ty kiboho’e vaho nihaly vovoñe eo o mpitoro’ Ietsàkeo.
26 Nomb’ ama’e mb’eo amy zao t’i Abimèleke boake Gerare, miharo amy Akozàte
mpanolo-keve’e naho i Pikole, mpifehe o lahindefo’eo. 27 Hoe t’Ietsak’ am’iereo,
Inom-bao ty nomba’areo mb’ amako mb’etoa kanao malaiñe ahy, toe natao’ areo

* **26:5** Toe Hake † **26:20** Eseka: fifandierañe ‡ **26:21** Sitnà: fifankalaiñañe § **26:22** Rehobota: midada

soike? 28 Hoe iereo, Trea'ay malange te ama'o t'IEHOVÀ, le hoe zahay, Antao
hifanitike, añivo'ay naho ihe, aa le iantofo te hifañina, 29 soa te ihe tsy hijoy
anay, hambañe amy te zahay tsy nitsapa azo, fa tsy ino ty nanoe'ay naho tsy
ty soa, naho nampañaveloe'ay am-panintsiñañe; toe tahie' IEHOVÀ rehe henaneo.
30 Aa le nañalankaña'e sabadidake, le nikama naho ninoñe. 31 Nitroatse marain-
tsikiake iereo le nifañina am-panta, naho nasese' Ietsàke mb'eo vaho nienga aze
an-kanintsiñe. 32 Nitotsak' ama'e amy àndroy ka ty mpitoro' Ietsake nitalily i vovoñe
hinali' iereo anianiy, ty hoe, Nahatrea rano zahay! 33 Natao'e Sivà ty añara'e; aa le
Beer-Sevà ty añara' i rovay henaneo.

### *O Vali' i Esave nte-Kheteo*

34 Ie niefapolo taoñe t'i Esave, le nañenga Iehoditè ana' i Bierý nte-Khete, naho i
Basmàte ana' i Elòne nte-Khete; 35 f'ie nampioremeñe ty arofo' Ietsàke naho i Ribkae.

## 27

### *Mitata Iakòbe t'Ietsàke*

1 Ie roñoñe añe, naho fa bey t'Ietsàke naho nitalo fihaino vaho tsy nahavazoho
soa, le kinanji'e t'i Esave zoken' ana'e ami'ty ty hoe, O anako, le tinoi'e ty hoe, Intoy
raho. 2 Hoe re, Hehe te bey raho henaneo; naho amoeako ty andro hikenkañako, 3 aa
ehe rambeso o harao'oo: ty kotra'o naho fale'o le akia mb'an-kivok' añe hitsindroke
hena ho ahiko. 4 Le anokono mahakama mafiry, amy teakoy, le anjotso ho haneko,
hitatàko azo an-troko aolo' ty hivetrahako.

5 Jinanji' i Ribkae ty nataon-drae'e amy ana'e Esave. Aa naho niavotse mb' am-
patrañe añe t'i Esave hitsindroke hanesea'e. 6 le hoe t'i Ribkae am' Iakòbe ana'e,
Inao, tsinanoko amy saontsin-drae'o aman-drahalahi'o Esavey, ty hoe, 7 Añendeso
tsindroke, le anokono haneñe mafiry hihinanako hitatàko azo añatrefa' IEHOVÀ aolo'
ty hikenkañako. 8 Inao arè, anako, haoño o volam-pamantohako azoo. 9 Akia
mb'amy lia raikey le andeso vik' ose roe hañalankañako mahakama mafiry ho an-
drae'o, amy tea'ey; 10 le ihe ty hanjotso aze aman-drae'o hikama'e, hitata'e aolo' ty
hihomaha'e. 11 Fa hoe ka t'Iakòbe amy Ribkae rene'e, Oniño te ondaty volovoloeñe
t'i Esave rahalahiko; zaho lahilahy pando; 12 hera hitsapa ahy t'i raeko le hatao'e
te nirabioñeko, le mone fatse ty hanoa'e fa tsy tata. 13 Hoe t'i rene'e ama'e, Ee te
ho amako ze o fatse'o zao, anako; fe oriho avao i volakoy, akia, angalao ho ahy.
14 Aa le nimb'eo re nangalake naho nendese'e aman-drene'e; vaho nihalankañen-
drene'e ty mahakama mafiry manahake ty teàn-drae'e. 15 Nalae' i Ribkae amy zao ty
sarimbo fanjaka' i Esave zoke'ey ze tama'e añ' anjomba'e ao vaho nampiombea'e
amy Iakòbe, ana-tsitso'e 16 le napeta'e an-tsira'e ty holi' i vik' osey naho ami'ty
malama am-pititia'e eo. 17 Tinolo'e am-pità' Iakòbe ana'e i mahakama mafiriy naho
ty mofo hinalanka'e.

18 Le nizilik' aman-drae'e ao re nanao ty hoe, O aba, le tinoi'e ty hoe, Intoy raho; Ia
rehe, anako? 19 Hoe t'Iakòbe aman-drae'e, Zaho i Esave Tañoloñoloña'o. Fa nanoeko
iaby i nañiraha'o ahiy, mitroara arè, miambesara vaho ikamao o tsindrokoo, hitatà'
ty arofo'o. 20 Aa hoe t'Ietsàk' amy ana'ey, Akore anako, t'ie nahatrea anianik' avao?
Hoe ty natoi'e: Nampitotohe' IEHOVÀ Andriananañahare'o amako. 21 Le hoe t'Ietsàk'
am'Iakòbe, Harineo, hitsapako azo, anako, haharendrehako te toe i Esave anako ke
tsie. 22 Aa le nitotok' aman-drae'e Ietsàke t'Iakòbe, le nitsapae'e vaho hoe ty asa'e,
Feo' Iakòbe o feo zao, fe taña' i Esave o taña'eo. 23 Le tsy nifohi'e amy te nivolovolo-
eñe manahake o fitàn-joke'e Esaveo o taña'eo, aa le tinata'e. 24 Hoe re, Toe anako
Esave v'i-heo? Le tinoi'e ty hoe: Zaho. 25 Aa hoe re, Anjotso hihinanako i tsindron'
anakoy vaho hitat' azo ty troko. Aa le nazotso'e naho nikamae'e naho nanjotsoa'e

divay vaho ninoma’e. 26 Le hoe ty rae’e Ietsàk’ ama’e, Mañarinea ahy anako vaho
orofo. 27 Aa le niharinea’e naho norofa’e, le nantsoñe’e ty hañi’ o lamba’eo vaho
nitata’e ami’ty hoe,
Inao ty hañin’ anako
manahake ty harifondrifon-kivoke
nitahie’ IEHOVÀ.
28 Ee te hanoloran’ Añahare azo
ty zonon-dikerañe,
naho ty havondra’ ty tane toy
vaho ampemba naho-divay vao maha-eneñe.
29 Lonike te hitoroñe azo ondatio,
vaho hibokoboko ama’o o rofokoo.
Feleho o rahalahi’oo,
le hiondrek’ ama’o o anan-drene’oo. Fonga afàtse ze mamatse azo,
Hene tahieñe ze mitat’ azo!

*Po-Tata t’i Esave*
*(Heb 12.17)*

30 Ie nifonire’Ietsàke i fitata’e Iakòbey, vaho didy tsy tafakatse boak’ añatrefan-
drae’e t’Iakòbe, te pok’eo t’i Esave amy tsindro’ey. 31 Ie ka ro nañalankañe
mahakama mafiry vaho nazotso’e aman-drae’e ami’ty hoe, Mitroara ry Raeko,
ikamao ty tsindron’ ana’o, hitata’ ty arofo’o. 32 Ia v’iheo, hoe t’Ietsàke rae’e ama’e.
Tinoi’e ty hoe, Ana’o raho, i Esave tañoloñoloña’oy. 33 Nihobitse an-gebahebake
t’Ietsàke, nanao ty hoe: Ia arè i nitsindroke hena naho nanjotso amakoy, ie fonga
nihaneko aolo’ ty niavia’o etoañe vaho fa nitataeko?—eka ho soa tata re! 34 Ie
nahajanjiñe i saontsin-drae’ey t’i Esave, le nampipoñake fañgoihoy añ’ afero naho
nanao ty hoe aman-drae’e, Tatao raho, zaho ka, ry Raeko! 35 Fa hoe re, Niavy etoa am-
pamañahiañe ty zai’o, vaho tinava’e i tata’oy. 36 Hoe re, Tsy to hao i añara’e, Iakobey,
kanao indroe ty nañaramamoa’e an-tomitse. Sininto’e amako ty hatañoloñoloñako,
le hehe te tinava’e aniany ka i tatakoy. Le hoe re, Tsy nañaja’o tata hao raho? 37 Hoe
ty natoi’ Ietsàk’ amy Esave, Ingo te nanoeko talè’o re vaho hene natoloko ama’e o
rahalahi’eo ho mpitoro’e, le ampemba naho divay vao ty namahanako aze. Inoñe ka
ty hanoeko ama’o, anako? 38 Hoe t’i Esave aman-drae’e, Tsy aman-tata raik’ avao hao
rehe, ry Aba? Tatao raho, zaho ka, ry raeko! Naonjo’ i Esave amy zao ty fiarañanaña’e
le nangololoike ty rovetse.

39 Le hoe ty nitoiña’ Ietsàke rae’e:
Ingo, hihànkañe ami’ty havondra’
ty tane toy ty akiba’o,
naho amo zonon-dikerañe
añ’ abo eñe.
40 Ty fibara’o ro hiveloma’o,
le ho toroñe’o ty zai’o,
fe añe rehe ho tsitoboboly,
vaho hapoza’o ty joka an-kàto’o eo.

*Nivoratsaha’e i hangosasaha’ey*

41 Nalaim-bintañ’amy Iakòbe amy zao t’i Esave ty amy tata nitatàn-drae’e azey,
le hoe ty natao’ i Esave an-tro’e ao, Mitotoke ty andro fandalàñe an-draeko; le ho
vonoeko t’Iakòbe zaiko. 42 F’ie natalily amy Ribkae i volan-joken’ ana’ey; le nirahe’e
ty hitoka Iakòbe tsitson’ ana’e, le hoe re tama’e, Inao mameren-troke t’i Esave
zoke’o ty ama’o ami’ty fikililia’e hañè-doza ama’o. 43 Ie amy zao ry anako, oriho o
volakoo, le miongaha, mibioña mb’ amy Labàne rahalahiko e Kharane añe, 44 le molia

ama'e ao heike*, ampara' te mitolike ty fitrotrofiahan-joke'o, [45] ampara' te hiesoñe
ama'o ty haviñeran-joke'o vaho handikofa'e i nanoe'o ama'ey; le mbe hampihitrifeko
rehe, hampolieko boak' añe. Ataoko akore te ho nirerek' amako ami'ty andro raike
nahareo roroe?
[46] Le hoe t'i Ribkae am' Ietsàke, Mañalike ty haveloko o anak'ampela Kheteo. Aa
naho mañenga amo anak' ampela Kheteo t'Iakòbe, manahake o anak'ampela an-tane
atoio le ho inoñ'amako ty fiaiko?

# 28

[1] Tinoka' Ietsàk' amy zao t'Iakòbe naho tinata'e vaho nafanto'e ami'ty hoe, Ko
mañenga valy amo anak' ampela nte-Kanàneo. [2] Mionjona mb'e Padan' arame,
mb'añ' anjomba' i Betoele, raen-drene'o añe, vaho mañengà amo anak'ampela' i
Labàne, rahalahin-drene'oo. [3] Ehe te hitahy azo t'i El-Sadai*, hampibodobodo naho
hañamaro azo, soa te ho firimboñam-pifokoañe. [4] Le hatolo'e azo naho amo tarira'o
mindre ama'oo o fitahiañe i Avrahameo, handovà'o i tane maha-renetane azoy, i
natolon' Añahare amy Avrahamey. [5] Aa le nirahe' Ietsàke mb' eo t'Iakòbe, hañavelo
mb'e Padan' arame, mb' amy Labàne ana' i Betoele nte-Arame, rahalahi' i Ribkae
rene' i Esave naho Iakòbe añe.
[6] Ie nirendre' i Esave te nitatae' Ietsake t'Iakòbe naho nirahe'e mb'e Padan' arame
mb'eo hañenga valy boak'añe, ie nitata aze ro namantoke ty hoe, Ko mañenga amo
anak' ampela' i Kanàneo, [7] le nihaoñe' Iakòbe i nafanton-drae'e naho i rene'ey vaho
nitaveañe mb'e Padan' Arame añe, [8] le napota' i Esave te tsy nòn-drae'e Ietsake o
anak' ampela' i Kanàneo; [9] aa le nimb' am' Iesmaèle mb'eo re nañenga i Makalate,
rahavave' i Nebaiote, ana' Iesmaèle ana' i Avrahame, ho tovo' o vali'eo.

### *Nañinofy e Betele ao*

[10] Nienga i Beersevà t'Iakòbe naho nionjo mb'e Kharane añe. [11] Ie nahaisake toetse,
le nialeñe ao fa nimotake i àndroy. Nangalak' amo vato eio re naho napo'e ho ankala'
ty añambone'e vaho nandre niròtse amy toetsey. [12] Nañinofy re, le ingo ty fanongà
nitroatse an-tane eo, ty ambone'e naha-takatse an-digiligin-dikerañe eñe vaho inge,
niañambone naho nizotsoa' o anjelin'Añahareo. [13] Naheo'e te nijohañe ambone'e
ey t'Iehovà, nanao ty hoe: Zaho Iehovà Andrianañaharen-drae'o Avrahame naho
Andrianañahare' Iets'ake. Hatoloko azo naho amo tarira'oo o tane andrea'o henaneo.
[14] Ho mira ami'ty debo' ty tane toy o tarira'oo, ie hangetseketseke mañandrefa naho
maniñana naho mañavaratse vaho mañatimo, le ihe naho o tarira'oo ro hitahiañe
ze hene hasavereña' ty tane toy. [15] Inao, mpindre ama'o raho, hañambeñe azo
ndra aia'aia ty hañaveloa'o, vaho hampoliko an-tane atoy, le tsy hieng' azo naho
tsy henefeko o vinolako ama'oo.
[16] Ie nivañoñe amy firota'ey t'Iakobe le hoe re, Toe an-toetse atoy t'Iehovà fe tsy
napotako. [17] Nihemban-dre le nanao ty hoe, Akore ty harevendreveñañe etoañe!
Ts'inoñe naho tsy anjomban' Añahare ty etoa vaho itoy i lalambein-dikerañey.
[18] Nitroatse marain-tsikiake t'Iakòbe le rinambe'e i vato napo'e ho ankala' ty
añambone'ey naho natroa'e ho ajiba, vaho nañiliña'e solike ambone'e eo. [19] Natao'e
ty hoe Betele† ty añara' i toetsey, fa nitokaveñe ty hoe Loze i tanàñey taolo. [20] Nifanta
amy zao t'Iakòbe ami'ty hoe, Naho hañimbañ' ahiko t'i Andrianañahare, hañaro
ahy ami'ty liako toy naho hamahañe ahy hànen-ko haneñe naho lamba hisikinañe,
[21] hibalihako an-kanintsiñe mb'añ' anjomban-draeko añe, le ho Andrianañahareko
t'Iehovà, [22] naho ho anjomban' Añahare ty vato natroako ho ajiba toy, vaho toe
homeako Azo ty faha-folo' ze hene hatolo'o ahiko.

---

* **27:44** Heb: andro raike * **28:3** Fot 17:1 † **28:19** Betele: Anjomban'Añahare

# 29

*Mifañaoñe t'Iakòbe naho i Rahkele*

1 Niongake am-pandia amy zao t'Iakòbe nimb' an-tane' o anan-tatiñanañeo.
2 Tinalake'e te heheke ty vovoñe an-kivoke ey aman' añondry telo troke mandre
marine aze, amy te fampinomañe o mpirai-liao i vovoñey; le vato jabajaba ty
nikapeke i vovoñey. 3 Ie hene vory o mpirai-liao le adariso' o mpiarakeo i vato fikape'
i vovoñeiy, vaho ampinomeñe o añondrio; heneke zay vaho ampolie' iareo am-bava'
i vovoñey i vatoy.
4 Hoe t'Iakòbe am'iereo, O rahalahikoo, boak' aia nahareo? Hoe iereo, Hirik'e
Kharane añe. 5 Hoe re tam' iereo, Fohi' areo hao t'i Labàne ana' i Nakore? Hoe iereo,
Eka apota'ay. 6 Hoe re tam'iereo, Jangam-bao? Janga, hoe iereo, le ingo t'i Rahkele,
anak' ampela'e minday o añondrio. 7 Hoe re, Hehe, mbe tsingilingilieñe ty àndro, tsy
fanontoñañe añondry hey henaneo. Ampinomo o añondrio vaho akia andrazo. 8 Fa
hoe ka iereo, Tsy mete zahay naho tsy fa vory iaby o mpirai-liao naho avarimbari'
iareo boak' am-bava' o vovoñeo o vatoo; zay vaho ampinome'ay o añondrio.
9 Ie mbe nifanaontsy, pok' eo t'i Rahkele ninday o añondrin-drae'eo, amy t'ie
mpiarake.
10 Ie nahaoniñe i Rahkele, ana' i Labàne renelahi'e, naho o añondri' i Labàne rene-
lahi'eo t'Iakòbe le niharinea'e naho navari'e boak' am-bava' i vovoñey i vatoy vaho
nampinome'e i lia-rai' i Labàne renelahi'eoy. 11 Le norofa' Iakòbe t'i Rahkele vaho
nipoña-peo an-drovetse, 12 naho nitoñone' Iakòbe amy Rahkele t'ie longon-drae'e
naho ana' i Ribkae; le nilay re hitalily aman-drae'e. 13 Ie jinanji' i Labàne ty talili'
Iakòbe ana-drahavave'e, le nihitrihitry hifañaoñe ama'e; finorokoko'e naho norofa'e
vaho nendese'e mb' añ' anjomba'e ao vaho hene natalili'e amy Labàne i nifetsake
rezay, 14 le hoe t'i Labàne ama'e, Toe taolako naho nofoko rehe! Aa le niambesara'e
volañe raike.

*Vinali' Iakòbe o ana' i Labàneo*

15 Le hoe t'i Labàne am' Iakòbe, Aa ndra t'ie longoko, hifanehake ho ahy tsy aman-
tambe hao? Volaño arè, ino ty ho tambe'o. 16 Ie amy zao, roe ty anak' ampela' i
Labàne; Leae ty añara' ty zoke'e naho i Rahkele ty añaran-jai'e. 17 Naleme ty maso' i
Leae, le nimontramontra naho soa vintañe t'i Rahkele. 18 Nikokoa' Iakòbe t'i Rahkele,
le hoe re, Ho toroñeko fito taon-drehe ho a i Rahkele, anak' ampela'o zai'e. 19 Hoe t'i
Labàne, Hamake hatoloko azo ta te hatoloko amy ze ondaty ila'e; mimoneña amako.
20 Aa le nitoroñe fito taoñe t'Iakòbe hahazoa'e i Rahkele, le nihoe andro tsy ampe-
ampe am-pihaino'eo ty amy fikokoa'e azey.
21 Le hoe t'Iakòbe amy Labàne, Atoloro ahy i valikoy hiharoako fa heneke o
androkoo. 22 Aa le natonto' i Labàne ze hene ondati' i tanañey vaho nañalankañe
takataka. 23 Ie hariva i àndroy le nasese' i Labàne am'Iakòbe t'i Leae vaho niolore'e.
24 Le natolo' i Labàne amy Leae ty mpitoro-ampela'e Zilpae ho mpiatrak' aze. 25 Aa
ie nanjirike ty hamaray, hehe te i Leae! le hoe t'Iakòbe amy Labàne: Ino o nanoe'o
amakoo? Tsy i Rahkele hao ty nitoroñako azo? Akore arè ty namitaha'o ahy?
26 Hoe t'i Labàne, Tsy sata an-tane atoy ty anolorañe ty zai'e aolo' ty tañoloñoloñan-
ampela'e. 27 Foniro i hafitoa'ey, le hatolo'ay azo ka i raikey, ho ami'ty fito taoñe
tovo'e hitoroña'o ahy.
28 Aa le nanoe' Iakòbe. Nihenefe'e i hereñandroy, vaho natolo'e aze ty
anak'ampela'e Rahkele ho vali'e. 29 Natolo' i Labàne amy Rahkele ana'e t'i Bilhae
mpiatra'ey ho mpiatrak' aze. 30 Niolotse amy Rahkele ka t'Iakòbe le ie ty nikokoa'e
te amy Leae, vaho nitoroñe i Labàne fito taoñe indraike.

*O Ana' Iakòbeo*

31 Ie nivazoho' IEHOVÀ te tsy nikokoañe t'i Leae, le sinoka'e ty trañon' ana'e, fe
betsiterake t'i Rahkele. 32 Niareñe t'i Leae vaho nahatoly ana-dahy. Natao'e Reòbene
ty añara'e fa hoe ty asa'e, Amy te nivazoho' IEHOVÀ ty haferenaiñako*. Aa le hikoko
ahy ty valiko henanekeo.
33 Niareñe indraike re nisamak' ana-dahy, vaho hoe re, Jinanji' IEHOVÀ t'ie firihia'e
le nomei'e itoañe ka, le natao'e Simòne† ty añara'e.
34 Mbe niareñe indraike re, nahatoly ana-dahy, le hoe ty asa'e, Sandrake henane
zao te hipiteham-baliko, zaho nisamake telo ho aze. Aa le natao'e Levy‡ ty añara'e.
35 Mbe niareñe indraike re, le nisamak' ana-dahy vaho nanao ty hoe, Handrenge
IEHOVÀ raho henane zao. Le natao'e Iehodà§ ty añara'e vaho nitampets' anake.

# 30

1 Ie nioni' i Rahkele t'ie tsy nahatoly ho a Iakòbe, le nikirañe an-joke'e, naho hoe
re am' Iakòbe. Ehe meo anake raho tsy mone hikenkañe! 2 Nisolebotse amy Rahkele
ty haboseha' Iakòbe le hoe ty asa'e, Zaho hao ty hisolo an' Andrianañahare nitañe
ama'o ty vokan-koviñe? 3 Le hoe re, Intoy t'i Bilhae mpitoroko, imoaho hisamaha'e
amo ongokoo soa t'ie ty hampionjoñeñe ahy.
4 Aa le natolo'e aze t'i Bilhae mpitoro'e hialoza'e, naho niziliha' Iakòbe 5 vaho
niaren-dre, nahatoly anadahy ho a Iakòbe. 6 Le hoe t'i Rahkele, Nañomey to ahiko
t'i Andrianañahare; toe jinanji'e i fitoreokoy naho nitolora'e ana-dahy. Aa le natao'e
Dane* ty añara'e.
7 Niareñe indraike t'i Bilhae mpitoro' i Rahkele, naho nahatoly ana-dahy faha roe
ho a Iakòbe. 8 Le hoe t'i Rahkele, Am-pifangatorañe mafe ty nifangatòrako aman-
jokeko le nahalefe, vaho natao'e Naftalý† ty añara'e.
9 Ie rendre' i Leae te nijihetse ty fisamaha'e, le rinambe'e t'i Zilpae mpitoroñ'
ampela'e vaho natolo'e am' Iakòbe hialoza'e. 10 Nisamak' ana-dahy ho a Iakòbe t'i
Zilpae mpitoro' i Leae. 11 Le hoe t'i Leae, Hasoa tata! Aa le natao'e Gade‡ ty añara'e.
12 Mbe nisamak' ana-dahy fañindroe'e ho a Iakòbe t'i Zilpae mpitoro' i Leae. 13 Le
hoe t'i Leae, Hete! ty haehako! Hatao' o anak' ampelao haha raho. Aa le natao'e
Asere§ ty añara'e.
14 Ie an-tsam-pitatahañe vare-bolè, nomb'an-tetek' ao t'i Reòbene le nahatendreke
fañanintsiñe vaho nañandesa'e t'i Leae, rene'e. Le hoe t'i Rahkele amy Leae,
Añomezo amo fañanintsin' ana'oo. 15 Fe hoe re ama'e, Raha kede ama'o hao te
nasinta'o amako i valikoy, te hitavaña'o ty fañanintsin' anako ka? Le hoe t'i Rahkele,
Aa le ho meako azo hiolora'o te anito ty amo fañanintsin' ana'oo. 16 Ie boak' an-
teteke ey t'Iakòbe amy harivay, le niakatse hanalaka aze t'i Leae nanao ty hoe, Ahiko
rehe te anito fa fifofoañe ty nifofoako azo amo fañanintsin' anakoo. Aa le niolora'e
amy haleñey. 17 Nihaoñen' Añahare t'i Leae vaho niaren-dre, le nahatoly ana-dahy
faha-lime ho a Iakòbe. 18 Hoe t'i Leae, Nitambezan' Añahare raho ty amy nanolorako
i mpitoro-ampelakoiy amy valeko. Le natao'e Iisakare* ty añara'e.
19 Niareñe indraike t'i Leae le nisamake ty ana-dahi'e fah' eneñe ho a Iakòbe. 20 Le
hoe t'i Leae, Nitoloran' Añahare ravoravo fanjàka raho. Tsy mahay tsy himoneñe
amako ty valiko henane zao, amy te nahatoly ana-dahy eneñe ho aze. Le natao'e
Zebolòne† ty añara'e.
21 Ie añe le nahatoly anak' ampela re vaho natao'e Dinae‡ ty añara'e.

* **29:32** Reobene: hehe, ana-dahy † **29:33** Simeone: mahajanjiñe ‡ **29:34** Levy: mpireketse § **29:35** Iehodà: Rengèñe * **30:6** Dane: nañomey to † **30:8** Naftalý: mifangatotse ‡ **30:11** Gade; Mpirimboñe; mpifañosoñe § **30:13** Asere: fale * **30:18** Iisakare: hambam-peo ami'ty valesoa † **30:20** Zebolòne: asiñe ‡ **30:21** Dinae:ható

22 Nitiahien’Añahare amy zao t’i Rahkele le nahajanjiñe aze t’i Andrianañahare
vaho sinoka’e ty hovi’e. 23 Niaren-dre le nahatoly ana-dahy vaho nanao ty hoe, Fa
nafahan’ Añahare amako ty ìnje. 24 Natao’e Iosefe§ ty añara’e ami’ty hoe: Ehe t’ie
ho tovoña’ Iehovà ana-dahy.

### *Mihamaro ty Añondri’ Iakòbe*

25 Ie nasama’ i Rahkele t’Iosefe, le hoe t’Iakòbe amy Labàne. Ampionjono mb’eo
raho himpoliako mb’an-toeko naho mb’an-taneko añe. 26 Meo ahiko o valiko naho
anako nitoroñako azoo, vaho ampionjono. Fohi’o i fifanehafako nitoroñako azoy.
27 Aa hoe t’i Labàne ama’e, Naho nahatendreke fañisohañe a’ maso’o raho, le
mitoboha hey. Fa am-pitsikarahañe ty naharendrehako te nitahie’ Iehovà raho ty
ama’o. 28 Tinovo’e ty hoe, Ano ty ho tambe’o le hatoloko.
29 Hoe t’Iakòbe ama’e, Fohi’o ty nifanehafako ho azo naho ty hasoa’ o hare’oo t’ie
amako. 30 Ty kedekede tama’o taolo’ i fiavikoy le fa nitombo ho maro, vaho nitahy
azo t’Iehovà ndra aia aia ty nombako. Aa ie henaneo, ombia ty hanoeko ho a i
trañokoy, zaho ka? 31 Aa hoe re: Ino ty homeako azo? Le hoe ty natoi’ Iakòbe, Ko
añomeza’o ndra inoñ’ inoñe, fa naho o raha zao ty hanoe’o amako, le handrazeko
vaho hambenako indraike o mpirai-lia’oo. 32 Angao ho tsitsifeko o mpirai-lia’oo te
anito le fonga haviko ze añondry merembitike naho voanato, naho ze vik’ añondry
mainteinte, vaho ze ose poapoake ndra varevare; irezay ty ho tambeko. 33 Hitalily ahy
ty havantañako te añe, naho hiatreke o lahara’oo o tambekoo. Ze ose tsy varevare
ndra poapoake oniñe amako, ndra ze vik’añondry tsy mainte le hatao kinametse.
34 Noko zay, hoe t’i Labàne. Ie i vinola’oy. 35 Fe amy àndroy avao le naveve’ i
Labàne ze hene oselahy varevare ndra poapoake naho ze ose-vave varevare ndra
poake (naho ze aman-kafotiañe) naho ze vik’ añondry mainte vaho natolo’e an-
taña’ o ana’eo; 36 le nasitake lia telo andro amy Iakòbe, naho nandraze’ Iakòbe ty
ila’ o mpirai-lia’ i Labàneo. 37 Nangalake ran-talý naho sohihy naho hatae tsotra
t’Iakobe vaho niholire’e o ran-kataeo hampiboake ty foty amo ran-kataeo. 38 Le
napo’e aolo’ o mpirai-liao o ran-kataeo añ’ila’ o dabaoga finoma’ o mpirai-liaoo t’ie
avy hinon-drano, ie toe mitongoa naho minon-drano. 39 Aa ie nisahe añ’ atrefa’ o ran-
kataeo o mpirai-liao le nampipoke anake tanteharañe ndra varevare, ndra poapoake.
40 Navi’ Iakòbe o ana’eo, le nampisahe’e amo misoritsoritseo naho amy ze mainte
amo lia’rai’ i Labaneo, toe naveve’e o mpirai-lia’eo, tsy naharo’e amo mpirai-lia’ i
Labaneo. 41 Ie te hisahe o hare maozatseo, le nasampe’e ey o ran-kataeo ho trea’ o
hàreo amo dabaogao, soa te hisahe aolo’ o ran-kataeo, 42 fa naho naleme o hareo, tsy
nampipoha’e ao zay. Aa le ninjare maleme ty fanaña’ i Labàne vaho naozatse o a
Iakòbeo. 43 Aa le vata’e niraorao indatiy, nihatsifotofoto o mpirai’ lia’eo, ie amam-
pitoro lahy naho ampela, rameva vaho borike.

## 31

### *Nandribotse amy Labàne t’Iakòbe*

1 Jinanji’e ty enta’ o ana-dahi’ i Labaneo, nanao ty hoe, Finao’ Iakòbe ze fonga
fanañan-drae’ay; le ty varan-drae’ay ty nampañefoefo aze. 2 Ie niisa’ Iakòbe ty vinta’
i Labàne le naheo’e te tsy niatrefa’e manahake te taolo.
3 Aa le hoe t’Iehovà am’ Iakòbe, Mibaliha mb’an-tanen-droae’o mb’aman-
drolongo’o mb’eo fa indrezako.
4 Aa le nampihitrife’e an-koike t’i Rahkele naho i Leae t’ie homb’ am-piandrazañe
mb’am-pirai-lia’e mb’eo. 5 Le nanoa’e ty hoe, Treako ty vintan-drae’areo te tsy
iatrefa’e manahake taolo, fe mañimb’ ahy t’i Andrianañaharen-draeko. 6 Fohi’areo

§ **30:24** Iosefe: ho tovoña’e abey

t'ie nitoroñ' an-drae'areo an-kaozarako iaby, [7] fe nifañahian-drae'areo naho novae'e
im-polo o tambekoo, f'ie tsy nimetean' Añahare hijoy ahy. [8] Ie nanao ty hoe: O
varevareo ro tambe'o, le songa niterake varevare o hare'eo, aa ie nanao ty hoe, O
tanteharañeo ro tambe'o. Le hene nampipoke tanteharañe o hareo. [9] Aa le sininton'
Añahare aman-drae'areo o hare'eo vaho natolo'e ahy.

[10] Teo te indraik' amy sam-pisaheañey le nañinofy raho naho niandra vaho
nahatrea te hene tanteharañe ndra varevare ndra poake o oselahy nitongoa amo
mpirai-liao. [11] Le hoe t'i anjelin' Añahare amako ama' nofy, O Iakòbe, vaho natoiko
ty hoe, Intoy raho. [12] Le hoe re, Ampiandrao fihaino vaho mahaoniña te songa
tanteharañe ndra varevare ndra poake ty oselahy misahe o hareo, amy te nitreako
iaby ze nanoe' i Labàne ama'o. [13] Zaho i Andrianañahare' i Beteley, i nañoriza'o i
vatolahiy naho nifanta'oy. Miongaha arè, engao ty toetse toy vaho mimpolia mb'an-
tanen-dongo'o añe.

[14] Aa le hoe ty natoi' i Rahkele naho i Leae, Mbe aman' anjara ndra lova
añ'anjomban-drae'ay hao zahay? [15] Tsy mone atao'e te ambahiny kanao naleta'e?
mbore nabotse'e iaby o lafitihi'aio. [16] Toe anay naho a o keleia'aio ze fonga hanaña'e
nasintan' Añahare aman-drae'ay; aa le ano ze tsinaran' Añahare ama'o.

[17] Niongak' amy zao t'Iakòbe naho nampiningire'e an-drameva o vali'eo naho o
ana'eo, [18] vaho niroahe'e mb'eo ze hene hare'e naho o vara fa natonto'eo, o hanaña'e
naho hare niazo'e e Padan' arameo, vaho nitehafe'e mb'aman-drae'e Ietsake an-tane
Kanàne añe. [19] Aa ie fa nimb'am-pañitsifan' añondri'e mb'eo t'i Labàne, le kinizo'
i Rahkele o ndraharen' anjomba an-drae'eo. [20] Toe nifañahie' Iakòbe t'i Labàne t'ie
tsy nitalily ama'e te nienga, [21] ie nimotiotse mb'eo naho ze ama'e iaby. Niongake re
nitsake i sakay,* le nitandrifie'e mb'am-bohibohi' i Gilade† mb'eo ty lahara'e.

### *Heañe' i Labàne t'Iakòbe*

[22] Natalily amy Labàne amy andro fahateloy te nibioñe t'Iakòbe. [23] Aa le nendese'e
o longo'eo naho nihoridañe'e fito andro vaho nahatratse aze am-bohibohi' i Gilade
eo. [24] Le niheo amy Labàne nte-Arame ami'ty nofy t'i Andrianañahare nanao ama'e
ty hoe, Mitomira, tsy hisaontsy am' Iakòbe ndra ty soa ndra ty raty.

[25] Aa le nitra' i Labàne t'Iakòbe. Fa nañoren-kibohotse am-bohitse ey t'Iakòbe, le
nitobe am-bohibohi' i Gilade ao t'i Labàne mirolongo. [26] Hoe t'i Labàne am' Iakòbe,
Ino o nanoe'oo? Ie niponiora'o am-pamañahiañe vaho namaoke o anak' ampelakoo
hoe mpirohy nitsepahem-pibara. [27] Ino ty nibioña'o am-pañahy naho nivokake
amako tsy nitalily, ie ho nampionjoneko an-drebeke naho sabo vaho kantsàñe miharo
kararàke. [28] Tsy nimea'o ty hañondrohako o ana-dahiko naho anak' ampelakoo? Toe
nanao hagegean-drehe te nanoa'o. [29] An-tañako ty haozarañe hañoho-doza ama'
areo fe nitsara amako ami'ty nofy aniankale t'i Andrianañaharen-drae'o, ty hoe,
Mitomira tsy hivolañe ndra soa ndra raty am' Iakòbe. [30] Ie amy zao, ndra te tsy
nete tsy nionjom-b'eo rehe ami'ty hamaniña'o ty anjomban-drae'o, manao akore te
nikamere'o o ndraharekoo?

[31] Le hoe ty natoi' Iakobe amy Labane, Toe nihemban-draho, nataoko ho nitavane'o
amako o anak' ampela'oo. [32] Fe tsy ho veloñe ze isa'o mitañe o ndrahare'oo.
Itsikaraho añatrefa' o longon-tikañeo le endeso ze fanaña'o amako. Toe tsy nifohi'
Iakòbe t'ie kinizo' i Rahkele.

[33] Aa le nimoake an-kiboho' Iakòbe ao t'i Labàne, naho an-kiboho' i Leae, vaho an-
kiboho' i mpitoro-ampela roe rey fe tsy nahaisake. Niakatse an-kiboho' i Leae naho
nizilik' an-kiboho' i Rahkele. [34] Ie amy zao fa rinambe' i Rahkele o ndrahareo naho
napo'e ambanen-pitobohañe an-drameva ao vaho nitoboha'e. Nitsitsife' i Labàne

* **31:21** i saka jabajaba Eofratay † **31:21** Gilade: votre, taroñe maro mifehe

kodaba i kibohotsey fe tsy nahaoniñe. 35 Le hoe re aman-drae’e, Ehe tsy ho viñera’
ty talèko te tsy imeteako ongake añatrefa’o, fa miampela. Aa le nikodebe re fe tsy
nitendreke o samposampon-drahao.
36 Niviñetse amy zao t’Iakòbe le nendaha’e t’i Labàne; hoe t’Iakòbe amy Labàne.
Ino o fiolàko? Ino o hakeoko nañoridaña’o ahy an-kelokeo? 37 Aa ndra te nitsitsife’o
tsoeke o haraokoo, ino amo haraon’ anjomba’oo ty niisa’o? Apoho añatrefa’ o
longokoo naho o longo’oo etoañe, hizaka’ iareo añivon-tika roe. 38 Fa roapolo taoñe
henanekeo ty nitraofako ama’o, le lia’e tsy nañary anake o añondri-vave’o naho o
ose-vave’oo vaho tsy nihinanako o añondri-lahin-dia-rai’oo. 39 Tsy nendeseko ama’o
ze nirimitem-biby fa nivavèko i hamotsoañey; pinai’o an-tañako ndra ty kinametse
antoandro ndra ty kinizo haleñe. 40 Ie nabotse’ ty fipisañañe te handro, nangoratsake
te haleñe vaho nibiòña’ ty roro o masokoo. 41 Inay i roapolo taoñe naha-mpiàmañ’
anjomba’o ahy rezay; nitoroñe azo folo-tao-efats’ amby hahazoako i anak’ ampela’o
roe rey, vaho enen-taoñe o hare’oo, mbore novae’o im-polo i tambekoy. 42 Aa naho tsy
nimpiamako t’i Andrianañaharen-draeko, t’i Andrianañahare’ i Avrahame, naho i
nampañeveñe Ietsàkey le toe ho nampolie’o mañomaño. Nahavazoho o hasotriakoo
naho o fitoloñan-tañakoo t’i Andrianañahare vaho nañendak’ azo aniankale.

### *Mifañina t’i Labàne naho Iakòbe*

43 Aa le hoe ty natoi’ i Labàne am’ Iakòbe: Anak’ ampelako o anak’ ampelao,
anadahiko o anadahio, hàreko o hareo vaho hene ahiko naho a i anakampelako
rey ze isa’o. Fe ino ty hanoeko anito amo anak’ampelakoo, naho amo ana-dahy
nisamahe’eo? 44 Mbetoa arè hifañina, zaho naho ihe; le ie ty ho valolombeloñe
añivon-tikañe. 45 Aa le nandrambe vato t’Iakòbe vaho natroa’e ho ajiba. 46 Le hoe
t’Iakòbe aman-drolongo’e, Amorio vato, le nandrambe vato iereo naho navotre, vaho
nikama amy votrem-batoy. 47 Nanoe’ i Labàne ty hoe Iegare-Sahadotà‡, f’ie natao
Iakòbe Galede. 48 Hoe t’i Labàne, Valolombeloñe añivoko naho ihe androany ty votre
toy. Aa le natao Galede ty añara’e, 49 naho Mizpa, fa hoe re, Hivazoho añivo’o naho
zaho t’IEHOVÀ naho tsy amy ila’ey ty raike. 50 Naho sarerahe’o o anak’ ampelakoo,
ndra mañenga valy mandikoatse o anakoo, itika tsy amam-pañalañalañe, tiahio te
valolombeloñe añivon-tika t’i Andrianañahare.
51 Le hoe t’i Labàne am’Iakòbe, Hehe ty votre tia naho ty ajiba najadoko
añivo’o naho zaho. 52 Valolombeloñe ty votre tia, naho valolombeloñe ty ajiba
toy te tsy handilarako mb’ ama’o mb’eo, vaho tsy ho lika’o ty votre toy ndra
ty ajiba toy homb’amako, hañeloke. 53 T’i Andrianañahare’ i Avrahame, naho
t’i Andrianañahare’ i Nakore, t’i Andrianañaharen-droae’ iareo ty hizaka añivon-
tika. Aa le nifanta amy Fañeveñan-drae’e Ietsàke t’Iakòbe, 54 le nañenga soroñe
ambohitse eo t’Iakòbe naho kinoi’e o longo’eo hikama, le nikama vaho nialeñe amy
vohitsey.

## 32

1 Nañaleñaleñe t’i Labàne t’ie nitroatse naho norofa’e o ana’eo naho o
anak’ampela’eo vaho nitata’e. Niavotse amy zao t’i Labane nimpoly mb’ama’e añe.
2 Nanonjohy i lia’ey t’Iakòbe le nifanalaka ama’e o anjelin’ Añahareo; 3 aa ie niisa’
Iakòbe le nanao ty hoe, Toben’Añahare itoy, le natao’e ty hoe Makanaime* i toetse
zay.

### *Nañitrife’e Ravoravo t’Esave*

4 Nirahe’ Iakòbe ty hiaolo aze mb’ amy Esave rahalahi’e mb’an-tane Seira, tane’
i Edome añe, 5 le nafanto’e ami’ty hoe, Endeso mb’amy talèko Esave añe o entañe

‡ **31:47** Iegare-sahadotà, Galede: ty votrem-balolombeloñe * **32:3** Makanaime : tobe roe

zao, Hoe ty enta’ Iakòbe mpitoro’o, Nañialo amy Labàne ao raho, le nitambatse añe
ampara’ henane; 6 Amañ’ añombe naho borìke, mpirai-lia naho ondevo ampela naho
lahy; le nampihitrifeko mb’ amy talèkoy mb’eo ty saontsy hahatreavako fañisohañe
am-pahaisaha’o.

7 Nibalike mb’am’Iakòbe i ìrake rey nitalily ty hoe, Nivotrak’ amy Esave rahalahi’o
zahay, le mb’etoan-dre hifanalaka ama’o rekets’ondaty efa-jato.

8 Nirevendreveñe naho nangebahebak’ amy zao t’Iakòbe; le zinara’e ho lia roe ze
hene ondaty ama’eo naho o mpirai-liao naho o mpirai-trokeo vaho o ramevao 9 fa hoe
re, Aa naho pok’ami’ty lia-raike t’i Esave vaho horidañe’e, le hifiora’ i sehanga’ey.

10 Le hoe t’Iakòbe, O ry Andrianañahare’ i Avrahame raeko naho Andrianañahare’
Ietsàke raeko, ry Iehovà nanao tamako ty hoe, Mimpolia mb’ an-tane’o mb’amo
longo’oo mb’eo vaho hanoako soa. 11 Tsy mañeva ahiko ty piliti’e amo fiferenaiña’oo
naho amo figahiña’o amo mpitoro’oo, kanao reketse kobaiñe raho te nitsake ty
Iordane toy vaho fa aman-dia’e roe henaneo. 12 Mihalaly ama’o, hahao am-
pitàn-drahalahiko, am-pità’ i Esave, fa ihembañako, hera homb’eto re handafa
ahy naho rakemba reketse keleiañe. 13 Ihe fa nitsara ty hoe, Toe hañasoa azo
raho, vaho hampiraeko amo fasen-driakeo o tarira’oo, ze tsy mete iaheñe ty amo
fifamorohota’eo.

14 Aa le nitobe eo re amy haleñey, vaho nilivae’e amo raha rinambem-pità’eo ty
ho ravoravo amy Esave zoke’e: 15 ose-vave roanjato, naho oselahy roa-polo, añondri-
vave roanjato naho añondri-lahy roapolo, 16 rameva minono rekets’ ana’e telopolo,
añombe-vave efapolo, añombe-lahy folo, borìke vave roapolo, vaho ana-borìke folo.
17 Natolo’e an-taña’ o mpitoro’eo irezay, sindre lia’e, vaho hoe re amo mpitoro’eo,
Iaolò raho naho adaradiso ami’ty lia-raike ty lia-raike.

18 Le hoe re amy aoloy, Ie mifanampe ama’o t’i Esave zokeko, manao ty hoe, Ama’ia
rehe? Homb’aia v’iheo? vaho ho ama’ ia o aolo’oo? 19 le hoe ty hatoi’o: A i Iakòbe
mpitoro’oy, ravoravo nampisangitrife’e amy Esave talekoy; Indroy ie! manonjohy
anay. 20 Zay ty nafanto’e amy faharoey naho amy fahateloy, vaho amo nanonjohy i
mpirai-lia rey iabio, ami’ty hoe: Ty hoe zao ty ho saontsie’ areo amy Esave te mizo
aze 21 le tovoño ty hoe, Ingo, manonjohy anay t’Iakòbe mpitoro’o; ty amy asa’e ty
hoe, Hampanintsiñeko amo ravoravo miaolo ahio ty haviñera’e; ie añe le ho treako
ty lahara’e, ke ho no’e. 22 Aa le nitsake aolo’ aze i banabana’ey, ie nialeñe an-kialo
atoy.

### *Ifandrapaha’ Iakòbe*

23 Nitroatse amy haleñey re, ninday i vali’e roe rey naho i mpitoro’e roe rey, vaho i
ana-dahy folo-raik’ amby rey nitsake ami’ty fitsaha’ Iabòke. 24 Nasese’e mb’eo naho
nampitsahe’e i torahañey vaho nampitsahe’e ze tama’e.

25 Aa le nidoke ho vahiny t’Iakòbe vaho nigarabiñe ama’e ty lahilahy ampara’ te
niporea’ ty maraindray. 26 Ie nioni’e te tsy hahagiok’ aze, le pinao’e ty fikatsoha’ ty
moja’e, vaho nikatsoke ty moja’ Iakòbe amy fifandrapaha’ey. 27 Le hoe re, Avotsoro
fa hanjirike i àndroy. Fe hoe re, Tsy havotsoko naho tsy itata’o hey.

28 Aa le nanoa’e ty hoe, Ia ty añara’o? Iakòbe, hoe re. 29 Le hoe re, Tsy hatao
Iakòbe ka ty tahina’o, fa Israele†, amy t’ie nifanehak’ aman’ Andrianañahare naho
am’ondatio vaho nahatañe. 30 Hoe ty nañontanea’ Iakòbe, Ehe, itsarao ty tahina’o.
Fa hoe re, Ino ty añontanea’o ty añarako? Le nitata’e eo. 31 Aa le natao’ Iakòbe
ty hoe Penoele i toetsey, ami’ty hoe, Nifañatre-daharañe aman’ Añahare raho, fe
narova’e ty fiaiko. 32 Nanjirike i àndroy t’ie nitsake e Penoele ty amy moja’ey. 33 Aa

† **32:29** Israele: Mifanehake aman’ Añahare

le tsy fikamà' o nte-Israeleo pake henane ty oza' i moja mipitek' am-pikatsohañey, amy te nipaohe'e ty oza' i fikatsoha' i moja' Iakòbey ami'ty lahin-oza' i tohakeiy.

## 33

### *Mifañaoñe t'i Esave naho Iakòbe*

1 Le nampiandrà' Iakòbe o fihaino'eo naho niisa'e te nimb' ama'e mb'eo t'i Esave
reketse ty lahilahy efa-jato. Aa le zinara'e amy Leae naho amy Rahkele vaho amy
mpitoro'e ampela roe rey o ajajao. 2 Nanoe'e aolo'e ey o mpitoroñeo rekets' o ana'eo,
le nanonjohy iereo t'i Leae naho o ana'eo vaho amboly ao t'i Rahkele naho Iosefe.
3 Niary mb'aolo' iereo mb'eo re nibokok' an-tane im-pito am-pañarineañe i zoke'ey
4 Aa le nilay mb'ama'e mb'eo t'i Esave niambotrak' amy fititia'ey le norofa'e vaho
sambe nangoihoy. 5 Niandra t'i Esave nahaoniñe o rakemba reketse keleiañeo, le
hoe re, Ia o mindre lia ama'oo? Hoe re: O anake natolon'Añahare am-patarihañe
amo mpitoro'oo. 6 Nitotoke mb'eo amy zao o mpitoroñ' ampela rekets' anakeo, le
nibokok' ambane; 7 nimb'eo ka t'i Leae rekets' anake naho nibokoke; nañarine amy
zao t'Iosefe naho i Rahkele sindre niondreke.
8 Hoe t'i Esave, Ino ty dika' i lia'e maro nikovovoke nifanalaka amakoy? Tinoi'
Iakòbe ty hoe, Ty hahatendrehañe fañisohañe am-pivazohoa' i talèkoy. 9 Fa hoe t'i
Esave, Mahàtsek' ahy o ahikoo, ry rahalahiko, tano ho azo o azoo. 10 Hoe t'Iakòbe,
Aiy, ie nahatrea ìsok' am-pahaisaha'o, le rambeso an-tañako o ravoravoo; amy te zaho
mahaisake o lahara'oo, le hoe mahatrea ty laharan' Añahare, vaho t'ie nino'o. 11 Ehe
rambeso i ravoravo binanabanako, fa niferenaiñan' Añahare, naho maro o amakoo.
Le nosihe'e vaho rinambe'e. 12 Le hoe re, Antao hitrao-dia, le hiaolo anahareo raho.
13 Fe hoe ty natoi'e, Fohi' ty talèko te kamba o ajajao, vaho amako o rene'e naho
añombe-vave rohy, aa naho ilosoran-tehake ndra andro raike le fonga ho mate o
hareo. 14 Ehe te hañavelo aolo' i mpitoro'ey mb'eo ty talèko, hisitsirako mora mb'eo
ty amo hare mangovovok' aolo ahio naho ty amy filesalesa' o ajajao, ampara' te pok'
amy talèko e Seire añe. 15 Aa le hoe t'i Esave, Angao handivako ama'o ondaty amakoo.
Fa hoe re, Fa akore? Ee t'ie hahatrea fañisohañe am-pahaisaha' i talèkoy. 16 Aa le
nimpoly mb'e Seire añe amy àndro zay t'i Esave.
17 Le nimb'e Sokote* añe t'Iakòbe le nañoren-kivoho, naho namboara'e fialofañe
o añombe'eo, vaho natao Sokote i toetsey.

### *Nandoake e Sikeme t'Iakòbe*

18 Niavy tsy añolañe an-drova' i Sikeme an-tane Kanàne eo t'Iakòbe boake Padan'
arama añe, vaho nañoren-kivoho aolo' i rovay ey. 19 Le vinili'e bogady zato amo ana' i
Khamòre rae' i Sikemeo ty ila' i teteke nampipoha'e i kivoho'eiy. 20 Le nañoren-kitrely
eo ze natao'e El-Elohe-Israele†.

## 34

### *Ty Fanakalirañe i Dina*

1 Niakatse hitilike o ampela' i taneio t'i Dinae, anak'ampela' i Leae, nisamake ama'
Iakòbey. 2 Ie nahaisak' aze t'i Sikeme, ana' i Khamòre nte-Khive, mpifehe' i taney, le
rinambe'e naho vinaho'e vaho nanimba aze. 3 Fe nipitek' amy Dinae ana' Iakòbe ty
tro'e; nitea'e i ampelay, toe nihonkoñe'e an-drehake i somondraray. 4 Aa le hoe t'i
Sikeme amy Khamòre rae'e, Alao ho ahiko i ampelay ho valiko.
5 Jinanji' Iakòbe te nitivae'e t'i Dinae anak'ampela'e fe niarak' añombe am-
piandrazañe añe o ana-dahi'eo le nianjiñe hey t'Iakòbe ampara' t'ie nimpoly.

* **33:17** sokote: soke maroan-Tandroy: sokemitraha. † **33:20** El-Elohe-Israely: El' Tsitongerè' Israely

6 Niavotse mb’am’ Iakòbe mb’eo t’i Khamòre hifanaontsy, 7 le boak’ an-kivok’añe
o ana’ Iakòbeo te nahatsanoñe, ie niompo’ ty fombo amy hagegeam-bey nanoe’e am’
Israeley, t’ie namahotse i ana’ Iakòbey, fa vata’e tsy fanao.
8 Aa hoe ty enta’ i Khamòre am’ iereo, Mifamitran-trok’ amy anak’ampela’ areoy t’i
Sikeme anako; ehe, atoloro’ aze ho vali’e. 9 Mifanambalia ama’ay; meo anay o anak’
ampela’ areoo le engao ho anahareo o anak’ ampela’aio, 10 le mitraofa fimoneñe, fa
añatrefa’ areo o taneo; imoneño le mikaloa ao vaho manontona vara ama’e.
11 Hoe ka t’i Sikeme aman-drae’e naho amo rahalahi’eo, Ehe t’ie hahatrea
fañisohañe am-pihaino’areo, ze saontsie’ areo le homeako. 12 Aonjono naho alosoro
amako ty lafitihy naho ty ravoravo le ho tolorako ze hampanoe’ areo, fa, ehe, meo
ahiko i somondraray ho valy.
13 Fe vinale’ o ana’Iakòbeo am-pamañahiañe t’i Sikeme naho i Khamòre (ie nameta
i Dinae, zai’ iareo.) 14 Hoe ty asa’ iareo tama’e, Tsy mete’ay o raha zao, ty manolotse
ty zai’ay ampela ami’ ty tsy afa-boy fa fañinjeañe ama’ay.
15 Aa kanao hiantofa’ay, le hifanahake ama’ay nahareo, te songa hafahañ’ ofoke ze
atao lahilahy ama’ areo; 16 vaho hitolora’ay o anak’ ampela’aio, naho hangala’ay o
anak’ ampela’ areoo naho hiharoa’ay fimoneñañe vaho ho ondaty raike tika. 17 Fa
naho tsy mete mañaoñe anay tsy hisavatse, le hendese’ay ty anak’ampela’ay, hienga.
18 Ninò’ i Khamòre naho i Sikeme ana’ i Khamòre i saontsy zay; 19 le tsy
nihenekenek’ amy rahay i ajalahiy, amy te nampinembanembañ’ aze i anak’ ampela’
Iakòbey. Toe ie ty nanañ’ asy amo hene añ’anjomban-drae’eo.
20 Aa le nivotrak’ an-dalambein-drova’ iareo t’i Khamòre naho i Sikeme ana’e le
nilañoñe am’ ondati’ i rova’ iareoio ami’ty hoe, 21 Ondaty mora aman-tika iereo;
angao himoneñe an-tane atoy, hihezeñe ama’e, fa heheke, tsahatse iareo ty habei’
o taneo; hengaen-tika ho valy o anak’ ampela’ iareoo vaho hitoloran-tika o anak’
ampelan-tikañeo. 22 Fa ami’ty fetse toy avao ty hitraofa’ iareo fimoneñe aman-tika
h’ondaty raike: te songa hisavatse ze lahilahy amantika amy t’ie ro afa-boy. 23 Tsy
ho antika hao o añombe’ iareoo naho o vara’ iareoo naho ze hene hare’iareo? Aa le
antao hiantoke, hitraofa’iareo fimoneñe aman-tika.
24 Jinanji’ ze mpienga an-dalambei’ i rovay ty saontsi’ i Khamòre naho i Sikeme
ana’e; le songa sinavatse o lahilahio, ze hene mpienga an-dalambei’ i rovay.

### *Nañafa-kabòn-Jai’e*

25 Aa ie amy andro fahateloy, naho mbe nitivontivoñe iereo, le sindre nandrambe
ty fibara’e ty ana’ Iakòbe roe, i Simone naho i Levy, rahalahi’ i Dinae, naho nitoañe
mb’amy rovay mb’eo, vaho fonga zinamañe ze atao lahilahy. 26 Zinevo’ iareo am-
pibara t’i Khamòre naho i Sikeme naho rinambe’iereo boak’añ’anjomba’ i Sikeme ao
t’i Dinae vaho niavotse. 27 Nitendreke o loloo i ana’ Iakòbe ila’e rey vaho kinopa’iereo
i rovay ty amy zai’e ampela vinètay. 28 Fonga finao’ iereo o mpirai-lia’ iareoo naho
o tro-rai’ iareoo, o borìke’ iareoo, ze an-drova ao naho ze an-kivoke ey; 29 naho ze
hene vara’iareo naho o keleia’ iareoo naho o vali’ iareoo vaho fonga nikopahe’ iereo
ze añ’anjomba ao.
30 Le hoe t’Iakòbe amy Simone naho i Levy, Nanolo-tsotry ahiko nahareo le
mitròtrotse amo mpimone’ ty tane toio raho, amo nte-Kanàneo, amo nte-Perèzeo;
aa kanao tsy ampeampe ondatikoo, hifanontoñe iereo, hamono ahy, le ho rotsake
reketse hasavereñañe. 31 Fa hoe ka iereo, Aa vaho ho nanoe’e tsimiriirañe hao i
zai’aiy?

# 35

### *Mibalike mb’e Betele t’Iakòbe*

[1] Le hoe t'i Andriananañahare am'Iakòbe, Miongaha, le mionjona mb'e Betele mb'eo
vaho imoneño. Mandranjia kitrely aman' Añahare nisodehàñe ama'o ie nibioñe an-
daharan-joke'o Esave. [2] Aa le hoe t'Iakòbe amy hasavereña'ey naho amo mpiama'e
iabio, Apoho ze fonga ndrahare ambahiny ama' areo, miliova, naho mañova saroñe;
[3] vaho antao hionjoñe mb'e Betele mb'eo handranjiako kitrely amy Andriananañahare
nanoiñe ahiko an-tsan-kaloviloviako vaho nindre amako amy ze lala-nombàko. [4] Aa
le fonga natolo' iareo am' Iakòbe o samposampon-draha an-taña' iereoo naho o kiviro
an-dravembia' iareoo vaho nakafi' Iakòbe ambane' ty kile marine' i Sikeme ao.

[5] Ie nañavelo, le fa amo rova mañohoke iareoo ty firevendreveñañe aman'
Añahare, vaho tsy nihoridañe' iareo o ana Iakòbeo. [6] Nandoake e Loze an-tane-
Kanàne ao, toe i Betele, t'Iakòbe, ie naho ondaty nindre ama'e iabio, [7] le nandranjy
kitrely eo vaho natao'e ty hoe El-Betele* i toetsey amy te teo ty niboahan' Añahare
ama'e amy fibioña'e an-drahalahi'ey. [8] Nihomake eo t'i Deborae, mpiatra' i Ribkae,
vaho naleveñe ambane' ty kile ambane' i Betele ao; le nanoe'e Alòne-Bakòte†.

[9] Niboak' am' Iakòbe indraike t'i Andriananañahare amy nienga'e i Padan' arame
naho nitata azey, [10] le nanao ty hoe ama'e t'i Andriananañahare: Iakòbe ty añara'o,
le tsy hatao Iakòbe ka, fa Israele ty ho tahina'o; aa le natao'e Israele ty tahina'e.
[11] Le hoe t'i Andriananañahare ama'e, Zaho ro El-Sadai‡; miraoraòa naho mamorohota;
hiboak' ama'o ty foko naho firimboñam-poko, vaho mpanjaka maro ro hiboak' an-
tsandri'o. [12] Le hatoloko azo i tane' natoloko i Avrahame naho Ietsàke vaho hatoloko
amo tarira'o hanonjohy azoo i taney. [13] Aa le nienga aze t'i Andriananañahare, amy
toetse nitsara'e ama'ey. [14] Nampitroara' Iakòbe ajiba i toetse nitsara'e ama'ey, ajiba
vato, naho nampidoaña'e enga-rano vaho nañiliña'e solike. [15] Aa le natao Iakòbe ty
hoe Betele i toetse nitsaran' Añahare ama'ey.

### *Toly t'i Beniamine, Mihomake t'i Rahkele*

[16] Nañavelo boak'e Betele iereo, naho didý tsy nipotìtse Efrata te nitsongo t'i
Rahkele vaho nisilofe' ty fañeña'e. [17] Ie añate' i fitsongoa'ey le hoe i mpiatra'ey
ama'e, ko hembañe fa ana-dahy tovo'e toy. [18] Ie ho nirofotse ty arofo'e (toe
nihomake), le natao'e Benoný§ ty añara'e, f'ie nitokaven-drae'e Beniamine*. [19] Aa le
nihomake t'i Rahkele le naleveñe an-dalañe mb'e Efrata (i Betlèkheme) ao, [20] vaho
nampijadoña' Iakòbe vatolahy an-kibori'e eo; i vatolahin-kiborin-dRahkele henaney.
[21] Nionjom'beo t'Iakòbe vaho nañoreñe ty kiboho'e ambali' ty fitalakesañ' abo' i
Edère ey.

[22] Ie nimoneñe amy taney t'Israele, le niheo amy Bilhae, sakezan-drae'e ao t'i
Reòbene le niolora'e vaho jinanji' Israele.

Ie amy zao, folo-ro'amby ty ana-dahi' Iakòbe. [23] O ana' i Leaeo: i Reòbene
(tañoloñoloña' Iakòbe), i Simone, i Levy, Iehodà, Isakare, vaho i Zebolone. [24] O ana'
i Rahkeleo: Iosefe naho i Beniamine. [25] O ana' i Bilhae, mpitoro' i Rahkeleo: i Dane
naho i Naftalý. [26] O ana' i Zilpahe, mpitoro' i Leaeo: i Gade naho i Asère. Irezay ro
ana' Iakòbe nitoly e Padan' arame añe.

### *Ty Havilasi' Ietsàke*

[27] Niheo mb' aman-drae'e Ietsàke e Mamrè añe t'Iakòbe, an-drova' i Harbà atao
Khebroney, i nañialoa' i Avrahame naho Ietsàkey. [28] Ie amy zao, zato-tsi-valom-polo
taoñe ty ian' andro' Ietsàke. [29] Nigadoñe ty fipetro' Ietsàke le nivilasy vaho natontoñe
am' ondati'eo, androanavy henek' andro; nandentek' aze t'i Esave naho Iakòbe ana'e.

---

* **35:7** El-Betela: Andriananañahare' i Betela † **35:8** Alone-bakote: Kilem-pandalañe ‡ **35:11** Andri-ampañotroñe, kila lefe'e § **35:18** Ben-Ony: Anadahim-paoreako * **35:18** Beniamine: Anam-pitàn-kavana

# 36

*O Tarira i Esaveo*

1 Iretoy ro tarira' i Esave (i Edòme). 2 Nangala-baly amo anak'ampela nte-Kanàneo
t'i Esave: i Adàe ana' i Elòne nte-Kìte, i Oholibamà ana' i Anà ana' i Tsibòne nte-
Kive, 3 naho i Bosemàte ana' Iesmaèle, rahavave' i Nebaiòte. 4 Nisamake i Elifàze
amy Esave t'i Adàe; nisamake i Reoèle t'i Bosemate; 5 le nisamake i Elifaze, Ieìse,
Ialàme, naho i Kòrahke t'i Oholibamà. Ie ro ana' i Esave nasama'e an-tane Kanàne
ao.
6 Nendese' i Esave o vali'eo, o ana-dahi'eo, o anak' ampela'eo, naho ze hene
añ'anjomba'e, naho o añombe'eo, o hare fiandraze'e iabio naho ze fonga vara na-
tonto'e an-tane Kanàne ao vaho nisese mb'an-tane hisitaha'e an-daharan-drahalahi'e
Iakòbe añe, 7 amy te loho maro ty fanaña' iareo roe, tsy haha-fiharo-pimoneñañe; tsy
nitsahatse iareo i tane nañialoa'iareoy ty amo hare' iareoo. 8 Aa le nitoetse am-bohi'
Seire ao t'i Esave; Edome 'nio t'i Esave.
9 Iretoañe ro tarira' i Esave, rae' o nte-Edomeo, am-bohi' Seire ao. 10 Ty tahina' o
ana' i Esaveo le: i Elifaze ana' i Adàe, vali' i Esave; i Reoèle, ana' i Bosmate vali' i
Esave. 11 O ana' i Elifazeo: i Temane, i Omare, i Tsefò, naho i Gatame, vaho i Kenaze.
12 (Sakeza' i Elifaze, ana' i Esave t'i Timnàe nisamake i Amalek' amy Elifaze.) Iereo ro
ana' i Adae, vali' i Esave. 13 Iretoy ro ana' i Reoele: i Nàkate, naho i Zèrake, i Samà,
vaho i Mizà. Iereo ro ana' i Bosemate, vali' i Esave. 14 Iretoy ro ana' i Oholibamàe,
ana' i Anà, ana' i Tsibone, vali' i Esave: nisamahe'e amy Esave t'Ieose naho Ialame
vaho i Korake.

*Fifokoa naho Mpanjaka' i Edome*

15 Iretoy ro fifokoa' o ana' i Esaveo. O ana' i Elifaze, tañoloñoloña' i Esaveo: i
Temane talè, i Omare talè, i Zefò talè, i Kenaze talè, 16 i Korake talè, i Gatame talè,
i Amaleke talè; ie o talè boak'amy Elifaze ana' i Adae an-tane Edomeo. 17 Iretoy ro
ana' i Reoèle ana' Esave: i Nakàte talè, i Zeràke talè, i Samà talè, vaho i Mizà talè; ie
ro talè boak' i Reoèle an-tane Edome ao, ana' i Basemate vali' i Esave. 18 Intoy o ana'
i Oholibamàe, vali' i Esaveo: t'Ieòse talè, Ialame talè, vaho i Kòrake talè; ie ro talè
nasama' i Oholibamàe, vali' i Esave naho ana' i Anà. 19 Ie ro ana' i Esave (i Edome),
naho o talè'eo.
20 Intoy o ana' i Seire nte-Khorý mpimoneñe amy taneio: i Lotane naho i Sòbale
naho i Tsibòne naho i Anà, 21 naho i Disone, naho i E'tsere, vaho i Disane; ie ro talè'
o nte-Khorio, ana' i Seire an-tane' Edome ao. 22 Le o ana' i Lotàneo: i Khorý, naho
i Hemame vaho i Timnae rahavave' i Lotane. 23 O ana' i Sòbaleo : i Alvane naho i
Manakate, naho i Ebale, i Sefò vaho i Oname. 24 O ana' i Tsiboneo: i Aià naho i Anà
ie roe; i Anà ty nahatendreke o rano mae am-patrañeo ie niarake o borìke' i Tsibone
rae'eo. 25 O ana' i Anào: i Disone naho i Oholibamàe anak' ampela' i Anà. 26 O ana' i
Disoneo: i Kemdane, naho i Esbane, naho Iit'rane, vaho i Kerane. 27 O ana' i E'tsereo:
i Bilhane, naho i Zaavane, vaho i Akane. 28 O ana' i Disaneo: i Otse naho i Arane. 29 O
talè' o nte-Khorio: i Lotane talè, i Sobale talè, i Tsibone talè, i Anà talè, 30 i Disone
talè, i Etsere talè, i Disane talè; ie ro talè' o nte-Kkorio; o mpiaolon-tane Seireo.
31 Intoy o mpanjaka nifehe an-tane' Edome ao aolo' te amam-panjaka nifehe o
ana' Israeleoo. 32 Nifehe ty rova atao Dinhabà e Edome ao t'i Belà ana' i Beore.
33 Nivilasy t'i Belà le nandimbe aze ho mpanjaka t'Iobabe ana' i Zeràke nte-Botsrà.
34 Nivilasy t'Iobabe le nandimbe aze ho mpanjaka t'i Khosàme tan-tane' o Temanio.
35 Nivilasy t'i Khosàme, le nandimbe aze ho mpanjaka t'i Hadade ana' i Bedade, i
nahagioke i Midiane a monto' i Moabey; atao Avite i rova'ey. 36 Nivilasy t'i Hadade, le
nandimbe aze ho mpanjaka t'i Samlà nte-Masrekà. 37 Nivilasy t'i Samlà, le nandimbe
aze ho mpanjaka t'i Saòle nte-Rekhobòte boak' amy sakay añe. 38 Nivilasy t'i Saole,

le nandimbe aze ho mpanjaka t'i Baal-kanàne ana' i Akbore. 39 Nivilasy t'i Baal-
kanàne ana' i Akbore, le nandimbe aze ho mpanjaka t'i Hadare; natao Paò i rova'ey;
Mehetabèle anak' ampela i Matrède, anak' ampela' i Mezahabe ty vali'e.
40 Zao o tahina' o talè' i Esave amo hasavereña'eo naho o rova'eoo; ty tahina' iareo:
i Timnà talè, i Alvà talè, Ietète talè, 41 i Aholibamae talè, i Elà talè, i Pinone talè, 42 i
Kenaze talè, i Temane talè, i Mibtsare talè, 43 i Magdiele talè, Irame talè; ie ro mpiaolo'
i Edome ty amo akiba' iareo an-tane fanaña' iareoo. (rae' o nte-Edomeo t'i Esave)

# 37

*Sonia' i Esave naho Iakobe*
1 Nitoetse an-tane Kanàne nañialoan-drae'e ao t'Iakòbe. 2 Ie ty talili' ty hasavereña'
Iakòbe.

*Mañinofy ty Haroandriañañe t'Iosefe*
Ie nifolo-tao-fito-amby t'Iosefe le niarake añondry mindre amo rahalahi'eo, ie mbe
niajalahy naho nindre amo ana' i Bilhae naho amo ana' i Zilpae, valin-drae'eo, vaho
ninday talily raty iareo aman-drae'e añe t'Iosefe. 3 Nikokoa' Israele mandikoatse o
ana'e iabio t'Iosefe, amy t'ie ty ana' i haantera'ey vaho namboara'e saroñe lava soa
vahotse*. 4 Ie nioni' o rahalahi'eo te nisohen-drae'e mandikoatse iareo le nalaim-
bintañe aze vaho tsy nahafirehak' am-panintsiñañe ama'e.
5 Teo te nañinofy t'Iosefe, le natalili'e amo rahalahi'eo, f'ie nañìndra ty falai' iareo
aze. 6 Hoe ty asa'e ama'e, Ehe janjiño ty nofy ninofiseko toy. 7 Teo tika namehe taho
an-tetek' ao. Nitroatse amy zao i fehekoy le niadaoro eo, le ingo niariseho ahy ey
ty fehe' areo nibokok' amy fehe-tahokoy. 8 Hoe o rahalahi'eo ama'e, Toe ihe hao ty
hamelek' anay? Vata'e hifehe anay v'iheo? Aa le niindra ty falaim-binta' iareo ty
amo nofi'eo naho o asa'eo.
9 Nañinofy indraike, vaho natalili'e amo rahalahi'eo. Inao ty nofiko tovo'e: naheoko
te nibotrek' amako i àndroy, i volañey vaho ty vasiañe folo raik'amby. 10 Aa ie
natalili'e aman-drae'e naho amo rahalahi'eo le nañendak' aze ty rae'e ami'ty hoe:
Nofy manao akore o nofise'oo? Toe hene hidrakadrakak' an-tane ama'o hao zahay
naho i rene'o vaho o rahalahi'oo? 11 Aa le nitsikirìk' aze o rahalahi'eo, fe nitsakorèn-
drae'e i asa'ey.

*Naletan-drahalahi'e t'Iosefe*
12 Nañavelo mb'e Sikeme añe o rahalahi'eo hampiandrazeñe i lia-rain-drae'ey.
13 Le hoe t'Israele am'Iosefe, Tsy miarake i lia-raikey e Sikeme añe hao o rahalahi'oo?
Antao arè, hiraheko mb'am'iereo mb'eo. Tinoi'e ty hoe, Intoy raho. 14 Aa le hoe re
ama'e, Akia, sario ke mbe soa avao iereo naho mbe soa ka o mpirai-liao; le mibaliha
mb'amako mb'etoa aman-talily. Aa le nampihitrife'e mb'eo boak' am-bavatane' i
Khebrone ao mb'e Sikeme mb'eo, 15 le teo ty ondaty nanjo aze nirererere an-kivok'
ey, vaho nañontanea' indatiy, Ino ty paia'o. 16 Mipay o rahalahikoo 'ni-raho, hoe
re, Ehe, ampahafohino ahy ty fiandraza' iareo añondry. 17 Hoe indatiy, Fa nienga
iereo, Inao ty tsinanoko am' iereo, Antao ho mb'e Dotane mb'eo. Aa le nihitrike
mb' amo rahalahi'eo re vaho tendrek' am'iereo e Dotane añe. 18 Nitalakese' iereo,
le ie mbe tsy marine ro nikilily hañohofan-doza ama'e. 19 Hoe ty vesoveso' iareo,
Hehe, mb'etoa i mpañinofiy, 20 antao arè hamono aze naho hagodon-tika an-kadaha
ao; naho hatalilin-tika te nabotse' ty biby romotse, vaho ho onin-tika ty figadoña' o
nofi'eo. 21 F'ie jinanji' i Reòbene, le navotso'e am-pità' iareo ami'ty hoe, Tsy hamitak'

* **37:3** lamba maro volo ndra reketse taña'e

ate aze tika. 22 Tinovo’ i Reòbene am’iereo ty hoe, Ko mampiori-dio; afetsaho an-
kadaha an-jerezere tane atoy, fa ko mipao-tañañe ama’e—ie te hamotsotse aze am-
pità’ iareo hampolia’e aman-drae’e. 23 Aa naho pok’ amo rahalahi’eo t’Iosefe, le
hinalo’ iareo am’ Iosefe i saro’ey, i saroñe lava ama’ey, 24 le rinambe’ iereo vaho
nafetsa’ iereo an-kadaha ao. Nikapaike i kadahay, tsy aman-drano.
25 Niambesatse amy zao iereo nikama; fa ie nampiandra fihaino le nahaisake lia-
rain-te-Iesmaèle nangovovòke boak’ e Gileade añe an-drameva ninday fisomantsaike
naho fihosotse vaho lite, nizotso mb’e Mitsraime mb’eo. 26 Le hoe t’Ièhodà amo
rahalahi’eo, Ino ty tombo’e ho an-tika te vonoeñe i rahalahin-tikañey naho etaheñe i
lio’ey? 27 Antao handetak’ aze amo nte-Iesmaèleo le tsy hampidoñan-tañantika, amy
te rahalahintika, toe nofon-tikañe. Le nihaoñe’ o rahalahi’eo. 28 Ie nim-beo o mpanao
takinake nte-Midianeo le tinari’ iereo, nañakatse Iosefe amy kadahay vaho naleta’
iereo volafoty roapolo amo nte-Iesmaèleo vaho nendese’ iareo mb’e Mitsraime añe
t’Iosefe.
29 Nibalike mb’amy kadahay mb’eo t’i Reòbene naho naheo’e te tsy an-kadaha ao
t’Iosefe, vaho rinia’e o saro’eo. 30 Nivalike mb’amo rahalahi’eo re nanao ty hoe, Tsy
eo i ajalahiy, le zaho! aia ty hombako? 31 Aa le rinambe’ iareo i saro’ey, le nandenta
vik’ose, vaho nalo’ iareo ami’ty lio’e ao i saroñey. 32 Nahitrik’ añe i saro-vinahotsey,
naho nendese’ iareo aman-drae’e ami’ty hoe, Ingo ty nizoe’ay, ehe vazoho ke ie i
saron’ ana’oy, ke tsie. 33 Napota’e, le nanao ty hoe, Saron’ anako toy! Navorembore’
ty biby hako, tsy mikalafo te rinomidromitse t’Iosefe. 34 Rinia’ Iakòbe amy zao o
saro’eo naho nisadia gony vaho nandala i ana-dahi’ey andro maro. 35 Hene niongake
hañohoñe aze o ana-dahi’eo naho o anak’ ampela’e iabio, f’ie nifoneñe tsy hohoñeñe,
ami’ty hoe, Aiy, hizotso mb’an-tsikeokeoke mb’ aman’ ana-dahiko raho an-kontoke.
Zay ty fangoihoian-drae’e aze; 36 Toe naleta’ o nte-Midianeo e Mitsraime añe re, amy
Potifare, roandria’ i Parò, talèm-pigaritse.

# 38

*I Iehodà naho i Tamara*
1 Ie henane zay, nienga amo rahalahi’eo t’Iehodà nitsile mb’ ami’ty nte-Adolame
atao Hirà. 2 Le nitendreke anak’ampela nte-Kanàne atao Soae t’Iehodà; le nengae’e
vaho nimoak’ ama’e. 3 Niaren-dre, nisamak’ anadahy; le natao’e Ere ty añara’e.
4 Niareñe indraike re nahatoly ana-dahy, le natao’e Onane ty añara’e. 5 Mbe
nahatoly ana-dahy indraike re le natao’e Selà ty añara’e. Te Kezibe añe t’ie nahatoly
aze. 6 Nangala-baly ho a i Ere, tañoloñoloña’ey t’Iehodà; Tamare ty añara’e. 7 Fe
nilo-tserek’ am-pivazohoa’ Iehovà t’i Ere, tañoloñoloña’ Iehodày, vaho navetra’
Iehovà. 8 Le hoe t’Iehodà amy Onane, Mimoaha amy valin-joke’oy vaho rañaoto,
hampitroara’o tariratse ho a i rahalahi’oy. 9 Aa kanao napota’ i Onane te tsy ho aze i
tiry zay, le ie nizilik’ amy valin-joke’ey ao, naria’e an-tane ty rompilahia’e, tsy mone
hanolo-tariratse aman-drahalahi’e. 10 Tsy ninò’ Iehovà i sata’ey, le navetra’e ka. 11 Aa
hoe t’Iehodà amy Tamare vinanto’e, Mitoboha ho ramavoiñe añ’anjomban-drae’o ao
ampara’ te añoñ’ay t’i Selà, ie niereñere’e ty hoe: Hera ho simba ka re manahake i
zoke’ey. Aa le nimb’eo t’i Tamare nimoneñe añ’anjomban-drae’e añe.
12 Ie roñoñe añe, le nihomake ka ty vali’ Iehodà, anak’ ampela’ i Soae; aa ie
nanintsiñe t’Iehodà, le nionjoñe mb’e Timnà mb’amo mpañitsi-bolon’ añondri’eo
mb’eo rekets’ i Hirà nte-Adolame rañe’ey. 13 Le nitalilieñ’ amy Tamare ty hoe, Inao,
mionjomb’e Timnà ty rae’o hañitsike o añondri’eo. 14 Aa le nafaha’e o lamban-
dramavoi’eo, naho nanakon-daharañe an-damba marerarera, naho nifolonkoñe,
vaho nitobok’ an-dalam-bei’ i Enaime*, amy lala-mb’e Timnày. Toe niisa’e fa ajalahy

* **38:14** Enaime: Lala mb’amo ranoo

t’i Selà f’ie tsy nampañengaeñe aze ho vali’e. 15 Tendrek’ aze t’Iehodà, le natao’e
ho tsimirirañe amy t’ie nisaron-doha. 16 Nivike mb’ama’e añ’olo’ i lalañe mb’eo re,
nanao ty hoe, Mimetea hiolorako, fe ninofi’e t’ie vinanto ampela’e. Hoe re, Ino ty
anangea’o ahy, hiharoa’o? 17 Hoe ty natoi’e, Hampisangitrifeko vi’e boak’ amy lia-
raikey. Le hoe re, Tsy ho mea’o tsoake hey hao ampara’ te hahitri’o? 18 Hoe re,
Tsoake manao akore ty hatoloko azo? Natoi’e ty hoe, O bangem-pitombo’oo naho
i tali’oy vaho o kobaiñe am-pità’oo. Aa le natolo’e aze, naho niolots’ ama’e; vaho
nampiareñe’e. 19 Niongake re, nienga; le nafaha’e i marerareray, vaho naombe’e
indraike o lamban-dramavoi’eo. 20 Nampihitrife’ Iehodà am-pità’ i nte-Adolame
rañe’ey ty vi’e, hañavake i tsoak’ an-taña’ i rakembaiy, f’ie tsy nirendreke. 21 Aa
le nañontanea’e ondaty amy toetseio ty hoe, Aia i tsimiriran-kazomanga te Enaime
tañ’ olon-dalañey? le hoe iereo, Tsy aman-tsimiriran-kazomanga ty atoy. 22 Aa le
nibalike mb’ am’ Iehodà añe re nitalily ty hoe: Tsy nirendreko, vaho nanao ty hoe
amako ondaty an-drova ao, Tsy aman-tsimiriran-kazomanga ty atoy. 23 Hoe ty natoi’
Iehodà, Angao rambese’e ho ama’e i raha rezay tsy mone hiankahafañe; hehe te
nampihitrifeko mb’ama’e ty vi’e f’ie tsy nioni’o.

24 Ie añe ty telo volañe, le natalily am’ Iehodà ty hoe, Nañarapilo t’i Tamare
vinanto’oy, ie mivesatse ty amy hatsimirira’ey. Le hoe t’Iehodà, Akaro re ho
forototoeñe. 25 Ie nakareñe, le nañitrifa’e saontsy i rafoza’ey, ami’ty hoe, Ty tompo’ o
raha rezao ro nampivesatse ahiko. Natovo’e ty hoe, Ehe hotsohotso hey, ia ty tompo’
o bange-pitombokeo, o talio, vaho o kobaiñeo? 26 Niantofa’ Iehodà i raha rey vaho
nanao ty hoe, Mahity te amako re amy te tsy natoloko aze i Selà anakoy. Fe tsy
niolora’e ka.

27 Tondroke amy fisamaha’e te inay, hambañe ty an-kovi’e ao. 28 Aa ie nitsongo,
nakare’ ty raike ty taña’e vaho finehe’ i mpanahay fole mena i tañañey le nanao ty
hoe, Itoy ty niakatse valoha’e. 29 Aa ie nanintoñe i taña’ey, le hehe te nipotitse eo ty
zai’e, vaho hoe re, Akore ty niboroboñafa’o? ho ama’o o jebañe zao. Aa le natao ty
hoe Perètse† ty añara’e. 30 Niboake nandimbe aze i rahalahi’ey ninday i fole menay
an-taña’ey, le natao Zeràke‡ ty añara’e.

# 39

### *I Iosefe naho ty vali’ i Potifare*

1 Ie amy zao, fa nendeseñe nizotso mb’e Mitsraime añe t’Iosefe, vaho vinili’ i
Potifare nte-Mitsraime, roandria’ i Parò, talè o mpigaritseo, amo nte-Iesmaèle ninday
aze nizotso mb’eoo. 2 Nindre am’ Iosefe t’Iehovà, le niraorao indatiy, ie nimoneñe
añ’ anjomban-tompo’e nte-Mitsraime ao. 3 Ie nioni’ i tompo’ey te nitahy aze t’i
Iehovà naho nampihenefe’ Iehovà ze hene nanoen-taña’e, 4 le nisoheñe am-pihaino’e
t’Iosefe amy fitoroña’e naho nanoe’e mpamandroñe i anjomba’ey vaho hene napo’e
an-taña’e ao ze fanaña’e. 5 Mifototse amy nampifeheañe aze i anjomba’ey naho ze
hene vara’ey, le nitahie’ Iehovà ty anjomba’ i nte-Mitsraimey ty am’ Iosefe. Le tamo
fanaña’e iabio naho añ’anjomba ao vaho an-tetek’ ey ty hanintsi’ Iehovà. 6 Aa le
nado’e an-taña’ Iosefey ze hanaña’e iaby, le tsy eo ty nidarè’e naho tsy ty mahakama
nikamae’e avao.

Nimontsotsòre naho naram-bintañe t’Iosefe. 7 Aa ie roñoñe añe, nikiroke Iosefe
ty vali’ i tompo’ey vaho nanoa’e ty hoe, Miharoa tihy amako. 8 F’ie nifoneñe, naho
nanao ty hoe amy vali’ i tompo’eiy, Inao! kanao etoan-draho, tsy añ’ anjomba’e ao
ty idarea’ i tompokoy, vaho napo’e an-tañako ze hene hanaña’e. 9 Tsy aman-joke
raho añ’ anjomba atoy, vaho tsy eo ty nazi’e amako naho tsy ihe, kanao vali’e. Aa le

† **38:29** Peretse: jebañe hoe an-kijoly vaky ‡ **38:30** Zerà: mireandreañe

akore ty hanoako o halò-tsereke zao, hampanan-kakeo ahy aman' Añahare? 10 Aa
ndra t'ie nañedre Iosefe boak' andro, tsy nihaoñe'e, tsy niolora'e, tsy nindreza'e.
11 Aa teo te indraike, ie nizilik' añ' anjomba ao hitoloñe, naho tsy ama' ondaty i
anjombay 12 le vinontiti' i rakembay i saro'ey, nanao ama'e ty hoe, Miolora amako!
F'ie nado'e am-pità'e i saro' ey vaho nipoliotse mb'alafe'e ao. 13 Ie nanjo' i saro'ey
an-taña'e amy nipolitira'e mb'alafe'aoy 14 le kinaikai'e o mpiañ' anjomba'eo vaho
nanoa'e ty hoe, Hehe, ninday nte-Evre aman-tika atoy i valikoy hañonjitse an-tika.
Nimoak' amako ao re hamahotse ahiko, le nikaike raho; 15 ie tsinano'e i koiakoy, le
nado'e amako i saro'ey vaho nibotitsike mb'alafe ao. 16 Nahaja'e ama'e ao i saro'ey
ampara' te nimpoly i vali'ey, 17 le nindrai'e i talili'ey, ami'ty hoe, Nizilik' amako ao
hanìtse ahiko i ondevo nte-Evre nendese'o ama'ay atoiy; 18 fe nampipoña-peo raho
le nikoiake, naho napo'e amako i saro'ey vaho nibioñe alafe ao.

19 Ie jinanji' i tompo'ey ty enta' i vali'ey nanao ty hoe: Zao ty nanoa' i mpitoro'oy
ahiko; le niforoforo ty haviñera'e, 20 naho rinambe' i tompo' Iosefey re vaho najo'e
am-porozò ao, an-toem-pijoñam-pirohim-panjaka ao; aa le tam-balabey ao re, 21 fe
nindre am' Iosefe t'IEHOVÀ vaho niferenaiña'e; nisohe'e añatrefa' ty mpifehe' i kijam-
pigaritañey. 22 Aa le napo' i mpifehey am-pità' Iosefe ze hene mpirohy am-balabey
ao, le ndra inoñ' ino ty nanoeñe ao, ie ty nitoloñe. 23 Tsy nidarè' i mpigari-beiy ze
nado'e am-pità' Iosefe, amy te nindreza' IEHOVÀ; vaho nampibodobodoe' IEHOVÀ ze
hene nanoe'e.

# 40

*Ty Nofim-Pirohy Roe*

1 Ie roñoñe añe, le nandilatse amy tale'ey, amy mpanjaka' i Mitsraimey ty
mpanjotso fitovy naho ty mpanoña' i mpanjaka' i Mitsarimeiy. 2 Nibosek' amy
mpitoro'e roe rey t'i Parò, toe amy beim-panjotso fitoviy naho amy beim-panoñakey,
3 le najo'e am-porozò añ' anjomba' i mpifehem-pigaritsey amy valabey nandrohizañe
Iosefey. 4 Nampifeheze' i mpifehey Iosefe iereo vaho niatrahe'e, ie nitambatse andro
maro am-pandrohizañe ao. 5 Teo te nañinofy i mpanjotso fitoviy naho i mpanoñam-
panjaka' i Mitsarimey, i sindre nidoñe am-po' valabey rey, ie roe—sambe nañinofy
amy haleñey, songa aman-dika'e i nofi'ey. 6 Niheo mb'am'iereo mb'eo t'Iosefe te
maraindray hisary le naheo'e te nimonjetse. 7 Aa le nañontanea'e i mpitoro' i Parò
nitrao-pirohy ama'e am-po' ty anjomba' i talè'ey rey, Ino ty mampihohokòhoke ty
lahara' areo henaneo? 8 Aa hoe ty asa' iareo tama'e, Songa nañinofy, vaho tsy eo ty
mahavaky aze. Le hoe t'Iosefe am' iereo, Tsy an' Andrianañahare hao ty vaki-nofy?
Ehe, atalilio ahy.

9 Aa le natalili' i beim-panjotso fitoviy am' Iosefe ty nofi'e, ami'ty hoe, Amy nofikoy
ao: Inao! tañatrefako ty vahe, 10 telo ty tsampañe amy vahey; le hoe te nibotiboty
naho nandriake o voñe'eo naho nampiboake valòboke matoe o nivorovoroo, 11 vaho
an-tañako ty fitovi' i Parò; aa le rinambeko o valobokeo naho pininepineko am-pitovi'
i Parò ao vaho nazotsoko am-pità' i Parò i fitoviy. 12 Le hoe t'Iosefe ama'e, Intoy ty
vaki'e, i tsempa'e telo rey ro telo andro, 13 ie modo ty telo andro, le hampiandrà'
i Parò ty añambone'o naho hampolie'e amy fitoloña'oy, vaho hazotso'o am-pità' i
Parò ty fitovi'e, manahake i lili'o taolo ihe ni-mpanjotso fitovy ama'e. 14 Ehe tiahio
raho t'ie manintsiñe; tretrezo vaho misaontsia amy Parò ty hañakarañe ahy ami' ty
valabey toañe. 15 Fa toe tinavañe an-tane' nte-Evre añe raho; le ndra atoa, tsy nanao
ze ho nampijoñe ahiko am-porozò atoa.

16 Ie nioni' i beim-panoñakey te nisoa i vaki-nofiy, le hoe re am' Iosefe, Ama' nofy
ka raho, naho nahatrea tsikelo telo an-dohako eo, 17 amo sikelo amboneo ty karaza-
mahakama maro natoñake ho a i Parò fe tsinimo' o voroñeo o an-tsikelo an-dohakoo.
18 Hoe ty natoi' Iosefe, Intoy ty vaki'e: telo andro i tsikelo telo rey, 19 añate' ty telo
andro le hampionjone' i Parò ama'o ty añambone'o vaho haradorado' i Parò an-katae
mijadoñe ey vaho ho tsimohe' o voroñeo ama'o ty nofo'o.

20 Ie amy andro fahateloy, tondroke ty andro fitiahiam-pisamahañe i Paròy, le
nanao sabadidake ho a o mpitoro'e iabio t'i Parò vaho naonjo'e amo mpitoro'eo
ty añambone' i beim-panjotso fitoviy naho i beim-panoñakey. 21 Nampoli'e amy
maha beim-panjotso fitovi'ey i mpanjotso fitoviy, vaho nazotso'e am-pità' i Parò ao i
fitoviy; 22 le naradorado'e i beim-panoñakey, ty amy vinaki' Iosefe am' iereoy. 23 Fe
tsy nahatiahy aze i beim-panjotso fitoviy, toe nihaliño'e.

# 41

## *Vinaki' Iosefe ty Nofi' i Parò*

1 Ie peake ty taoñe roe, le nañinofy t'i Parò, inao! ie nijohañe marine i saka Nailey,
2 le inge nitroatse amy Nailey ty añombe rene'e fito mendo naho niogoògo vaho
nihinañe amo vondroñeo. 3 Nitroatse nanonjohy irezay ty tamanañe fito niriverive
naho boroka nijagarodoñe marine i fito ila'e añ'olo' i Nailey rey. 4 Nabotse' i añombe
rene'e fito molonko naho boroka rey i añombe rene'e fito mendo naho vondrake rey,
le nivañoñe t'i Parò. 5 Nirotse indraike re nañinofy fañindroe'e: Hehe te sambe aman-
taho'e raike ty voto tsako fito vañoñe toe daoza'e. 6 Inge ka ty voto-tsako lolondo'e
fito, manifitse, finorototo' ty tiok' atiñana nitiry afara. 7 Nagodra' i voto manifitse
rey i voto fito daoza'e vokatse rey. Nivañoñe amy zao t'i Parò le nizoe'e te nofy.
8 Ie nimaraiñe le niembetse ty arofo'e; aa le nirahe'e ty hikoike ze fonga tsimaito' i
Mitsraime naho ze hene mahihitse ama'e ao. Natalili' i Parò ama'e o nofi'eo fe leo
raike tsy nahavaky irezay amy Parò.

9 Aa le hoe ty asa' i beim-panjotso fitoviy amy Parò, Nampitiahie' ty andro toy ahiko
o tahikoo. 10 Teo te niviñera' i Parò o mpitoro'eo vaho sindre najo'e am-balabey
añ'anjomba' i beim-pigaritsey, izaho naho i beim-panoñakey. 11 Songa nañinofy amy
haleñey, ie naho zaho, sindre aman-dika'e i ninofise'ey. 12 Nitraok' ama'ay ty ajalahy
nte-Evre, mpitoro' i beim-pigaritsey. Natalili'ay ama'e, le nadika'e ama'ay o nofi'aio,
sambe nadika'e ama'e i ninofise'ey. 13 Ie amy zay, i nandika'e ama'aiy ty nefetsake:
nahereñe amy tolon-drahakoy raho vaho nanoan-tsingere mañaty i mpanoñakey.

14 Aa le nampañitrife' i Parò t'Iosefe, le navota' iareo masìka am-balabey ao;
nihitsike re naho nañova saroñe vaho niheo mb'amy Parò mb'eo. 15 Aa hoe t'i Parò
am' Iosefe, Nañinofy raho, vaho tsy eo ty mahafandika aze. Fe tsinanoko ty ama'o te
ihe ty mahavaky nofy naho maha-dika aze. 16 Tinoi' Iosefe t'i Parò ami'ty hoe, Tsy
amako fa i Andrianañahare ty hanoiñe i Parò an-kanintsiñe. 17 Aa hoe t'i Parò am'
Iosefe, Ie nijohañe añ' olo' i Nailey amy nofikoy le 18 naheoko te niakatse i Nailey ty
añombe rene'e fito mendo naho vondrake nihinañe amo vondroñeo. 19 Inge amy
zao te nitroatse boak' ao nanonjohy iareo ty añombe fito raty, loho molonko, naho
boròka. Mbe liako tsy nahatrea i haraty zay an-tane Mitsraime atoy. 20 Nagodra' i
añombe rene'e molonko naho boroka rey i añombe rene'e vondrake rey, 21 fe ndra
t'ie nampibotseke tsy ho naharendre' ondaty te nahabeake kanao mbe nihambañe
amy teoy ty harati' iereo. Le nitsekake raho. 22 Ie amy nofikoy le mbore nahatrea voto
tsako fito vañoñe naho soa, sambe niboak' ami'ty taho'e raike. 23 Indrok' amy zao te
niboake manonjohy iereo ty voto-tsako fito jiba, kifo'e, finorototo' ty tiok' atiñanañe,
24 le nabotse' i voto beikolopoke rey i voto fito soa rey. Aa ie nataliliko amo ambiasao,
leo raike tsy nahabejañ'aze amako.

25 Aa hoe t’Iosefe amy Parò, Raike ty nofi’ i Parò; fa nabentan’ Añahare amy
Parò ty hanoe’e aniany. 26 I añombe fito soa rey ro fito taoñe; vaho fito taoñe
ka i voto tsako fito soa rey; hambañe i nofy rey. 27 I añombe fito boroka naho
molònko rey ro fito taoñe, manahake zay i kifo’e fito jinoi’ i tiok’ atiñanañey rey.
San-tsalikoañe fito taoñe zay. 28 Ie i vinolako amy Paròy, te nabentan’ Añahare
amy Parò i hanoe’ey. 29 Inao! handrambañe an-tane Mitsraime atoy fito taoñe ty
san-kavokaram-bey. 30 Hanonjohy zay te hitroatse ty san-kasalikoañe fito taoñe; le
fonga ho haliño an-tane Mitsraime atoy i havokarañey; vaho habotse’ ty san-kerè i
taney. 31 Tsy ho tiahy an-tane atoy ka i havokarañey amy hasalikoañe hanonjohy
azey ami’ty hamafe’ i haoreañey. 32 Aa kanao nifañin-droe’e i nofi’ i Paròy le fa
natsaton’ Añahare i rahay vaho antitotse ty andro hametsahan’Añahare aze. 33 Aa
soa re te ho joboñe’ i Parò t’indaty mahatsikarake naho mahihitse hampifehea’e ty
tane Mitsraime, 34 vaho hamototse higene mpisary amy taney t’i Parò handrambe ty
faha-lime’ i taney amy fito taoñe vokatse rey. 35 Le hatonto’ iareo ze hene mahakama
amy taon-joba hitotsake rey, naho hahaja ambanem-pità’ i Parò i tsakoy hañajàñe
mahakama amo rovao. 36 Ahaja ho a i taney i mahakamay, ho amy taon-kerè fito
hifetsak’ an-tane Mitsraime atoy rey tsy haitoa’ ty san-kasalikoañe ty tane toy.

### *Ty Nañonjonañe Iosefe*

37 Ni-no’ i Parò naho ze hene mpitoro’e i saontsy zay. 38 Le hoe t’i Parò
amo mpitoro’eo, Hahaoniñe ondaty mañirinkiriñe itoy hao tika—ie aman’ Arofon’
Añahare? 39 Aa hoe t’i Parò am’Iosefe, Kanao nabentan’ Añahare ama’o i he’e zay,
tsy eo ty mahatsikarake naho mahihitse te ama’o. 40 Feheo ty trañoko, ihe ‘nio, vaho
ty falie’o ro hampitsaoke ondatiko iabio; i fiambesam-panjakañey avao ty mahabey
ahy te ama’o. 41 Le hoe t’i Parò am’Iosefe, Hehe, fonga nampifeheko azo ty tane
Mitsraime; 42 le nafaha’ i Parò am-pità’e i bange-fitombo’ey naho naombe’e am-
pità’ Iosefe naho sinaro’e siki-leny naho niravahe’e tohi-rozañe volamena ty fititia’e
43 vaho nampijoñe’e amy sareten-tsorotà’ey le nikoikoiheñe aolo’e mb’eo ty hoe:
Mitongalefa! Le nampandilie’e iaby i tane Mitsraimey. 44 Nanao ty hoe am’ Iosefe t’i
Parò, Zaho o Parò zao, fe naho tsy ihe, le tsy eo ty hañonjo fitàñe ndra fandia an-tane
Mitsraime atoy iaby. 45 Nomei’ i Parò ty tahina Tsofnate-paneàke* t’Iosefe le natolots’
aze ho vali’e t’i Asenate†, ana’ i Potifera, mpisoro’ i One; vaho nionjom-beo nanitsike
i tane Mitsraimey t’Iosefe.
46 Ni-telopolo taoñe t’Iosefe te nijohañe aolo’ i Parò mpanjaka’ i Mitsraime.
Niavotse añ’atrefa’ i Parò t’Iosefe vaho nitsitsihe’e ty tane Mitsraime. 47 Namokatse
am-botri’e i taney amy taoñe fito vañoñe rey. 48 Aa le hene natonto’e ze mahakama
an-tane Mitsraime ao amy fito taoñe rey vaho nahaja’e amo rovao o mahakamao;
songa rova ro nañajañe ty mahakama boak’ amo teteke mañohok’ azeo. 49 Nañaja
tsako mira amo fasen-driakeo t’Iosefe, tsifotofoto kanao tsy nahafañiak’ aze, amy te
loho bey tsy nilefe volily.
50 Nahatoly ana-dahy roe t’Iosefe aolo’ o taom-polakeo, toe nisamaha’ i Asenate,
ana’ i Potifera mpisoro’ i One. 51 Natao’ Iosefe Menasè‡ ty añara’ i tañoloñoloña’ey,
fa hoe re, Nampandikofen’ Añahare ahy i hene fisotriakoy naho ty anjomban-draeko
iaby. 52 Natao’e Efraime§ ty faharoe, Amy te: Nampiraorao ahy an-tane nampiore
ahy ao t’i Andrianañahare.
53 Nimodo amy zao i taoñe fito vokatse an-tane Mitsraimey rey; 54 le niorotse
nitsatoke i fito taon-tsan-kerè rey ty amy saontsi’ Iosefey. Hene nikerè ze tane
añe fe hene ama’ mahakama o an-tane Mitsraimeo. 55 Ie fonga nisalikoeñe ty

* 41:45 Tsofnate-paneàke: Mpampiborake ty raha mietake † 41:45 Asenate: Norizañe amy talen-kihitse
‡ 41:51 Menasè: mampahaliño § 41:52 Efraime: mahavokatse

antane Mitsraime, le nitoreo mahakama amy Parò ondatio. Aa hoe t'i Parò amo nte-Mitsraime iabio, Akia mb'am' Iosefe mb'eo le ze taroñe'e ama' areo ty hanoe' areo.
56 Aa naho nandrambañe ty tane toy i san-kerèy, le sinoka' Iosefe o riha iabio vaho
naleta'e amo nte-Mitsraimeo, amy te nimafe ty kerè an-tane Mitsraime ao. 57 Niheo
am'Iosefe e Mitsraime ao iaby ty tane toy hivily tsako, amy te nanitsike ty tane bey toy ty hamafe' i hasalikoañey.

# 42

*Mb'e Mitsraime añe o Rahalahi' Iosefeo*

1 Naho nioni' Iakòbe te e Mitsraime añe ty mahakama, le hoe t'Iakòbe amo ana'eo,
Ino ty ifangarefa' areo? 2 Inao, hoe re, tsinanoko te aman-tsako ty Mitsraime; akia
mizotsoa mb'eo vaho iviliaño ho an-tika, hiveloman-tika fa tsy hivetrake. 3 Aa le
nizotso mb'e Mitsraime mb'eo ty rahalahi' Iosefe folo hikalo mahakama añe. 4 Fe tsy
nampindreze' Iakòbe amo zoke'eo t'i Beniamine zai' Iosefe fa hoe re, ke ho zoemboiñe.
5 Aa le nindre amo nañavelo mb'eo hikaloo, o ana'Israeleo, amy te an-tane'
Kanàne ao ka i san-kèrey.

6 Toe nimpifehe i taney t'Iosefe, mpandetak' amy ze fonga ondati' i taney. Le
nimb'eo o rahalahi' Iosefeo nibaboke an-tane aolo'e eo. 7 Aa naho nahaisake o
rahalahi'eo t'Iosefe, le nifohi'e, fe nimintse ho ambahiny am'iereo, vaho nendakendaha'e, Boak'aia v'inahareoo? hoe re. Hoe iereo, Hirik'an-tane Kanàne añe
hikalo mahakama. 8 Toe nirendre' Iosefe o rahalahi'eo, f'ie tsy naharendreke aze.
9 Nitiahi' Iosefe o ninofise'e iareoo, le hoe re am' iereo, Mpifilo nahareo, nivotrak'
atoy hahaisake ty fihaloa' o taneo! 10 Le hoe iereo tama'e, Aiy, ry talèko, ty hikalo
mahakama ty nitsatoha' o mpitoro'oo atoy. 11 Songa ana' t'indaty raike zahay;
ondaty vantañe, fa tsy mpisary tane o mpitoro'oo. 12 Hoe re am' iereo: Aiy, toe
nimb'atoy nahareo handrendreke ty fiboridaña' o taneo! 13 Hoe iereo, Mpitoro'o
zahay, roahalahy folo-ro' amby, ana' t'indaty e Kanàne ao, fe an-drae'ay añe ty
tsitso'e vaho tsy eo ty raike. 14 Aa hoe t'Iosefe am' iereo: Ie i vinolako ama'areoy,
toe mpisary nahareo. 15 Inao t'ie tsoheko: kanao veloñe t'i Parò, tsy hiavotse atoy
nahareo naho tsy pok' atoy heik' i tsitso'areoy! 16 Ampihitrifo ami'ty raik' ama' areo
i zai' areoy le hambenañe an-drohy ao nahareo, hitsohañe ty enta' areo ke ama'areo
ty hato, fa naho tsie, kanao veloñe t'i Parò, le mpipiapia. 17 Aa le fonga natonto'e
am-balabey ao telo andro.

18 Ie amy andro fahateloy, le ty hoe ty nanoa' Iosefe, Ano zao soa te ho veloñe,
amy te mpañeveñ' aman' Añahare raho: 19 aa naho ondaty vañoñe nahareo, angao
an-traño nandrohizañe anahareo atoy ty rahalahi' areo raike. Le akia, añendeso
mahakama ty amy hasalikoañey o keleia' areoo, 20 vaho endeso mb'etoa i tsitso' areoy,
hañato o enta' areoo, le tsy hikoromake. Aa le nanoe' iereo. 21 Hoe ty vesoveso' iareo,
Inao, toly aman-tika ty nanoen-tika amy rahalahin-tikañey, nionin-tika i halovilovimpiai'ey, ie nitoreo aman-tikañe, ie tsy nete nitsanoñe. Toly ndra hehe ty fangovitañe
mifetsak' aman-tikañe. 22 Natoi' i Reòbene ty hoe, Tsy vinolako hao te tsy hanoandraty i ajalahiy? F'ie tsy nañaoñe vaho hehe te paiaeñe i lio'ey. 23 Namoea' iareo te
nirendre' Iosefe iaby i hoe zay fa ampañivoa' iareo ty mpandika. 24 Nivìk' am'iareo
hey re nirovetse, naho nibalike le nisaontsy, naho jinobo'e am' iereo t'i Simone vaho
rinohi'e aolom-pihaino' iareo. 25 Nandily t'Iosefe le natsafeñe tsako o goni' iareoo
naho songa nahereñe am'ondatio an-goni'e ao ty drala'e vaho nivatieñe amy liay.
Nanoeñe ho a' iareo zay.

*Mimpoly mb'e Kanàne añe*

26 Nalogologo' iereo ambone' o borìke'eo o mahakamao vaho nienga. 27 Aa teo ty
nanokak' i goni'ey hivaty i borìke'ey t'ie nitobe, nizoe'e i drala'ey, inge t'ie am-bava'
i goniy eo. 28 Hoe re amo rahalahi'eo, Nabalik' amako i dralakoy, ie o an-gonikoo.
Ho namoe'ay iereo fa nirevendreveñe, le nifanao ty hoe, Ino ty nanoan' Añahare
aman-tikañe?
29 Ie pok' aman-drae'e an-tane' Kanàne añe, le natalily ama'e ze hene nifetsak'
am'iereo, ami'ty hoe, 30 Nañomey tsipeha anay indatiy, ty talè' i taney nanisy anay
te inao mpijekejeke amy taney. 31 Fe hoe ty natoi'ay ama'e, Ondaty mahity zahay
fa tsy mpitingañe. 32 Mpirahalahy folo ro' amby zahay, foetse raik' aman-drae'ay;
tsy eo ty raike, vaho aman-drae'e an-tane' Kanàne añe ty tsitso'e henaneo. 33 Le
hoe indatiy, i mpifehe' i taney ama'aiy, Amy hoe zao ty haharendrehako te ondaty
vantañe nahareo: angao amako atoy ty raik' amo rahalahi' areoo, indeso mahakama
ty amo hasalikoañeo o añ'anjomba' areoo, vaho mañaveloa; 34 fe hitrifo mb'atoy i
tsitso' areoy haharendrehako te tsy mpifilo nahareo fa ondaty vañoñe. Ie amy zay,
havotsoko ama'areo i rahalahi'oy vaho hikalo an-tane atoy nahareo.
35 Ie sambe nampidoañe ty goni'e, le hehe te amy goni'ey ty kotran-drala'e. Aa naho
niisa' iereo naho i rae' iareo o kotran-drala' iareoo, le nangebahebake. 36 Le hoe ty
nanoa' Iakòbe rae' iareo, Toe nampihontoha' areo ahy o anakoo, tsy eo t'Iosefe, tsy eo
t'i Simone vaho te hampisintone' areo ka t'i Beniamine. Fonga nidoñ' amako! 37 Aa
hoe ty asa' i Reòbene aman-drae'e, Vonò i ana-dahiko roe rey naho tsy hendeseko
mimpoly ama'o atoy. Apoho an-tañako ato le zaho ty hampipoly aze ama'o. 38 Fe
hoe re, Tsy hizotso mb'eo i anakoy, mate i rahalahi'ey le ie ty honka'e. Aa ie mizo
voiñe amy lia handena' areoy le hazotso'areo an-kontoke mb' antsikeokeok'ao o volo-
fotikoo.

# 43

*Mitoha mbe Mitsraime Fañindroe'e*

1 Mbe nizeke mafe amy taney ty san-kerè. 2 Aa naho fa nikamae' iereo i mahakama
nendese' iereo boake Mitsraimey, le hoe ty rae' iareo ama'e, Akia ihereño, mikaloa
mahakama tsy ampeampe ho antika.
3 Aa hoe t'Iehodà ama'e, Nañatahata anay aman-titike indatiy, ami'ty hoe, Tsy
ho oni' areo ka ty tareheko naho tsy indreza' i zai' areoy. 4 Aa naho ampihitrife'o
hindre ama'ay ty zai'ay, le hizotso mb'eo zahay hivily mahakama ho azo; 5 fa naho tsy
haha'o handeha re, le tsy hizotso mb'eo zahay, amy nihatahata' indatiy, ty hoe, Tsy
ho isa'areo ty tareheko naho tsy ama' areo ty zai' areo. 6 Hoe t'Israele, Ino ty nijoia'
areo ahiko ami'ty fivola' areo am'indatiy t'ie mbe aman-drahalahy? 7 Hoe ty natoi'
iareo, Nandohy anay ty ama'ay naho o longo'aio indatiy, nanao ty hoe, Mbe velom-
bao ty Rae' areo? Manañe ana-dahy ila'e hao? Aa kanao nañontane re, vinale'ay.
Ho nihai'ay aia te ho nisaontsie'e ty hoe, Ampizotsò mb' atoy i rahalahi'oy? 8 Le hoe
t'Iehodà am' Israele rae'e, Ampindrezo amako i ajalahiy, le hionjon-jahay, soa te ho
veloñe tika fa tsy hivetrake—Ihe naho zahay vaho o keleian-tikañeo. 9 Zaho avao ty
ho tsoake ho aze; hamolilie'o an-tañako. Aa naho tsy habaliko ama'o atoy, havotrako
añatrefa'o, le ee ty ho amako nainai'e i hakeo zay. 10 Aa naho tsy nihenekenek' avao
tika le fa ho n'indroe nimpoly.
11 Aa le hoe ty nanoa' Israele rae' iareo, Naho izay, le ano zao, Añendeso amo
goni' areoo o vokatse soa' ty tane toio, vaho ahitrifo amy 'ndatiy ho ravoravo ty aoly
fihosotse tsy ampeampe naho tantele kede naho fisìke naho fampafirañe naho rame
naho katra vaho sakoañe. 12 Endeso an-taña' areo in-droe' o dralao. Tintino hibalike
mb'eo an-taña'areo i drala nabalik' amo goni' areooy; kera nilosoreñe. 13 Endeso

ka ty zai'areo le miongaha, mibaliha mb'am' indatiy; 14 lonike te ho tretreze' i El-
Sadai abey nahareo añatrefa' indatiy, hamotsora'e i rahalahi'areoy naho i Beniamine.
Aa naho zaho, lehe ampihontohañe le hihontoke. 15 Aa le nendese' o lahilahio i
ravoravoy naho indroe' ty drala'e am-pità'iareo vaho i Beniamine le niongake naho
nizotso mb'e Mitsraime añe vaho nijohañe añatrefa' Iosefe eo.

16 Ie niisa' Iosefe te am'iereo t'i Beniamine, le hoe re ami'ty mpitoro' i an-
jomba'ey, andentao hare le halankaño sabadidake, fa hitrao-pikama amako ondati-
reo te tsipindemena. 17 Nanoe' indatiy i nafanto' Iosefe ama'ey, le nampihovae'e
añ'anjomba' Iosefe ao indaty rey. 18 Nihembañe amy zao i lahilahy rey kanao
nendeseñe mb'añ'anjomba' Iosefe ao, le nanao ty hoe, Hera i dralay, i nampoly
an-goni'ay am-baloha'eiy ro nampizilihañe anay, hikaboha'e raha, hiambotraha'e,
naho hondevoze'e rekets' o borìken-tikañeo. 19 Aa le niheo amy mpitoroñ' anjomba'
Iosefey mb'eo iereo nisaontsy ama'e an-tsarira' i anjombay eo, 20 ami'ty hoe, Ry
Taleko, toe nizotso mb'atoa hikalo mahakama zahay tam-baloha'ey; 21 f'ie nandoak'
amy nitofà'aiy añe, nanokake o goni'aio le songa nanjo ty drala'e ambava' i goni'ey
t'indaty, ty drala'ay ami'ty lanja'e. Aa le nendese'ay mb'atoy an-taña'ay, 22 mbore
nandesa'ay drala fañampe'e an-tañañe hikaloa'ay mahakama. Nofi'ay ty nampizilike
i dralay an-goni'ay ao. 23 Hoe ty natoi'e, Manintsiña, ko hembañe; i Andriananañahare'
areo naho Andriananañaharen-drae' areoy ty nampipoke ty vara' areo amo goni'
areoo; fa nasese amako i drala'areoy. Le naaka'e mb'am'iereo t'i Simone. 24 Aa
le nampihove' i mpitoroñey añ' anjomba' Iosefe ao indaty rey le nanjotsoa'e rano,
hanasa'e fandia, vaho nifahana'e o borìke'eo, 25 le nampihentseñe' iereo ho amy
fiavi' Iosefe amy tsipinde-menaiy i ravoravoy, fa jinanji' iareo te hikama ao.

26 Ie nimpoly añ'anjomba'e ao t'Iosefe le nibanabanae' iereo ama'e añ'anjomba ao
o ravoravo am-pità'iareoo vaho nibokoboko an-tane añ'atrefa'e eo. 27 Nañontanea'e
ty hajangaña' iareo, naho ty hoe, Jangam-bao ty rae'areo, i androanavy bey tinoño'
areoy? Mbe veloñe hao? 28 Soa avao i mpitoro'oy, ty rae'ay, mbe velon-dre. Le
niondreke iereo, niambane. 29 Niandra amy zao re vaho nahaoniñe i Beniamine
rahalahi'e, i anan-drene'ey, le hoe re, Rahalahy tsitso' areo hao itia-hoekey? i
natalili'areo amakoy? Ama'o abey anako, ty fatarihan' Añahare! 30 Le nibioñe
añe t'Iosefe ty amy hamaniña'e an-jai'e, nipay hirovetse. Nizilik' an-traño'e ao re
niharovetse. 31 Nanasa laharan-dre naho nilie-batañe vaho niakatse, le nanao ty hoe:
Azotsò i mahakamay. 32 Nanjotsoa' iareo hey re, ie raike, naho natokañe am' iereo
ka, le nanjotsoañe manokañe o nte-Mitsraime mpitrao-pikama ama'eo, amy te tsy
mete miharo-fikama amo nte-Evreo o nte-Mitsraimeo fa faly e Mitsraime ao. 33 Le
nampiambesareñe añatrefa'e, ty tañoloñoloña'e aolo ty amy zo'ey pak'an-jai'e ty
amy hatsitso'ey, le nifampijilojilo an-kalatsañe o mpirahalahio. 34 Nanjotsoañe boak'
am-pandambaña' Iosefe iereo, fe indime' ty mahakama niazo' ty raike ty nazotso
amy Beniamine. Aa le nitrao-pikama naho finoñe ama'e iereo.

# 44

*Tana' i Iosefe t'i Beniamine*

1 Linili'e amy zao i mpamandro' i anjomba'eiy ami'ty hoe, Atsefo mahakama o goni'
ondatio, ze leo'e logologoeñe, le songa apoho am-bava' ty goni'e ao i drala' indaty
reiy; 2 le apoho amy goni' i Beniamine ao i fitoviko volafotiy rekets' ty drala' i tsako'ey.
Aa le nanoe'e i sinaontsi' Iosefey. 3 Ie nazava amy loak' àndroy le nampionjonem-
b'eo i lahilahy rey rekets' o borìke'eo. 4 Aa ie vaho nienga i rovay, mb'e tsy nañavelo
lavitse, le hoe t'Iosefe amy mpamandro' i anjomba'eiy, Miongaha, horidaño ondatio,

le ie ifanampea'o, ano ty hoe, Akore ty namalea' areo raty ty soa? 5 Tsy atoy hao ty
finoma' i talèkoy, toe i fisikilia'ey? Ie nanao hakelohañe amy nanoe'areoy.

6 Ie nitra'e iereo, le tinaro'e am'iereo i entañe zay. 7 Le vinale' iareo ty hoe: Ino
ty isaontsian-talèko o entañe zao? Tsy marine' o mpitoro'oo ty manao i tsaraeñey.
8 Heheke te nahere'ay ama'o boak' an-tane Kanàne añe o drala nizoe'ay am-po'o
goni'aio; inoñe arè ty hikizoa'ay volafoty ndra volamena añ'anjomba' i talè'oy? 9 Ie
zoeñe ami'ty raik' amo mpitoro'o retoy i raha zay le ie ty hikenkañe, vaho ho ondevo'
i talè'aiy ka zahay. 10 Hoe re, Ie zay, amy fivola' areoy, fe ze anjoàñe i rahay ro
hondevoko vaho hidada nahareo. 11 Aa le nalisa iareo songa nanjotso ty goni'e an-
tane, vaho sindre nanokake i goni'ey. 12 Kinodebe'e, nifototse aman-joke'e pak'an-
tsitso'e; le nioniñe an-goni' i Beniamine ao i fitoviy. 13 Songa nandria-tsaroñe amy
zao, sambe nampijiny ty borìke'e indraike vaho nimpoly mb'an-drova mb'eo.

14 Pok' añ'anjomba' Iosefe t'Iehodà naho o rahalahi'eo ie mbe tao, le nibaboke
an-tane añatrefa'e. 15 Hoe t'Iosefe am'iereo, Ino o nanoe' areo zao? Amoea' areo
te toe mpisikily ondaty manahak' ahikoo? 16 Le hoe t'Iehodà, Ino ty ho volañe'ay
aman-talè'ay? Ino ty ho talilie'ay? Akore ty hiveroha'ay? Fa naboan' Añahare ty
hamengoha' o mpitoro'oo; intoy arè zahay ondevo' ty talè'ay, Izahay mitraok' amy
nanjoàñe i fitoviy. 17 Fa hoe re, Tsy marine' ahy ty hanao zay. I nahaisahañe i fitoviy,
ie ty hondevoko; f'inahareo ka, mañaveloa am-panintsiñañe mb' aman-drae'areo
añe.

### *Mihalaly ty amy Beniamine t'Iehodà*

18 Nitotok' aze t'Iehodà nanao ty hoe, O talèko, angao hivolañe kede an-
dravembian-talèko ao ty mpitoro'o, le ehe tsy hiforoforo ty haviñera'o amo
mpitoro'oo kanao mira amy Parò rehe. 19 Nañontanea' ty talè'ay o mpitoro'eo ty
hoe, Aman-drae ndra rahalahy hao nahareo? 20 Le hoe zahay amy talè'aiy, Manan-
drae zahay, androanavy bey, vaho ty rahalahy tora' i haantera'ey. Nivetrake i
rahalahi'ey, le ie ty honka'e amo anan-drene'eo vaho ikokoan-drae'e. 21 Le nanoe'o
ty hoe o mpitoro'oo, Ampizotsò mb'etoan-dre ho trea' o masokoo. 22 Le hoe zahay
amy talèkoy, Tsy mete mienga an-drae'e i ajalahiy, tsy mone hihomake t'i rae'e.
23 Le nanoe'o ty hoe o mpitoro'oo, Naho tsy mindre mizotso ama' areo mb'etoa i
tsitson-drahalahi' areoy le tsy ho oni' areo ka ty tareheko. 24 Ie nimpoly aman-
drae'ay mpitoro'oy añe vaho natalili'ay i saontsin-talèkoy, 25 le nanao ty hoe ty
rae'ay, Mibaliha, ikalò mahakama tsy ampeampe tika. 26 Aa hoe zahay, Tsy mete
ty hizotsoa'ay; f'ie ama'ay i zai'aiy, le hizotso mb'eo. Fa tsy hahaoniñe ty lahara'
indatiy zahay naho tsy rekets'ama'ay i tsitso'aiy. 27 Le hoe ty rae'ay mpitoro'o ama'ay,
Fohi' areo te nahatoly ana-dahy roe ho ahiko i valikoy; 28 nieng' ahy ty raike, le
hoe raho, Toe nirimitem-biby, vaho tsy treako ka. 29 Aa naho endese' areo añe
boak' amako ka itoy, vaho manjo-voiñe le hampidrodrète' areo an-kòntoke mb'an-
tsikeokeok' ao o volo-fotikoo. 30 Aa naho himpoly mb'aman-draeko mpitoro'o mb'eo
raho tsy reketse i tsitso'ey, kanao mifandrohy ami'ty havelo' i ajalahiy ty arofo'e, 31 ie
mahaoniñe te tsy ama'ay i ajalahiy vaho hihomake; le hampidrodrète' o mpitoro'oo
mb'an-tsikeokeok' ao o maròy fotin-drae'ay mpitoro'oo, 32 fa nitsoake i ajalahiy aman-
drae'e o mpitoro'oo, ie nanoako ty hoe, Naho tsy hampoliko ama'o i ajalahiy—le zaho
ty hivave i hakeo zay añatrefan-draeko kitro katroke. 33 Ie amy zao, ehe meteo
ho ondevo' i talèko raho hisolo i ajalahiy; vaho angao hionjomb'eo mindre amo
rahalahi'eo i ajalahiy. 34 Fa aia ty himpoliako aman-draeko añe naho tsy mindre
amako i ajalahiy? Irevendreveñako ty hahatrea o haloviloviañe hifetsak' aman-
draekoo.

# 45

*Mibentatse aman-drahalahi’e*

1 Tsy naha-lie-batañe ty amy maro niarikoboñe azey t’Iosefe, le pinaza’e ty hoe,
Ampisitaho amako ondaty iabio. Aa ie tsy ama’ ondaty le nibenta-batañe aman-
drahalahi’e t’Iosefe. 2 Le akore ty fangolololoiha’e kanao tsinano’ o nte-Mitsraimeo
naho ty anjomba’ i Parò. 3 Hoe t’Iosefe aman-drahalahi’e, Zaho ‘n-o Iosefeo. Mbe
velom-bao ty raeko? Fa tsy nahatoiñ’ aze o rahalahi’eo ami’ty fangovita’ iareo amy
fiatrefa’ey.

4 Aa hoe t’Iosefe aman-drahalahi’e, Ehe, harivò! Le niharivoa’ iareo. Hoe re,
Zaho nio Iosefe rahalahi’areo, naleta’ areo mb’e Mitsraimey. 5 Aa le ko mañore
ndra mañìnje vatañe ty amy nandetaha’ areo ahy atoy, amy te i Andrianañahare
ty nañirak’ ahy hiaolo anahareo handrombak’ aiñe; 6 fa nisaliko roe taoñe ty
tane toy vaho mbe hanonjohy zay ty lime taoñe tsy aman’ ava tsy amam-bokatse.
7 Nirahen’ Añahare hiaoloako hañajañe tariratse ho anahareo an-tane atoy vaho
hampitambeloñe anahareo an-drombake ra’elahy. 8 Aa le tsy inahareo ty nañitrik’
ahy mb’etoa fa i Andrianañahare, ie ty nanao ahy ho rae’ i Parò naho talè’ i
anjomba’e iabiy vaho mpifehe i hene tane Mitsraimey. 9 Misangitrifa mb’ aman-
draeko mb’eo arè vaho ano ama’e ty hoe, Hoe ty ana’o Iosefe, Nanoen’ Añahare talè’
i Mitsraime iaby raho; mizotsoa mb’ amako mb’etoy le ko mihenekeneke. 10 Hitoetse
marine ahy an-tane’ Gosena añe rehe, ihe naho o keleia’oo naho o anan’ ana’oo,
naho o mpirai-lia’oo naho o mpirai-tro’oo vaho ze hene hanaña’o. 11 Ho fahanako
ey nahareo amy te mbe hitovoñe lime taoñe i hasalikoañey, tsy mone hifotsak’ an-
kararahan-drehe naho o añ’ anjomba’oo. 12 Ie amy zao, Hehe te o fihaino’ areoo naho
ty mason-jaiko Beniamine ro mahaisake te ty vavako ro mivolañe ama’ areo henaneo.
13 Saontsio aman-draeko ty hara’ elahim-piasiañe ahiko e Mitsraime atoa, le ze hene
nioni’areo. Malisà hampizotso an-draeko mb’etoy. 14 Niforokokoe’e amy zao ty
hàto’ i Beniamine rahalahi’e le nangoihoy vaho nirovetse am-pititia’eo t’i Beniamine.
15 Hene norofa’e o rahalahi’eo naho niroveta’e; vaho nahafisaontsy ama’e amy zao o
rahalahi’eo.

16 Ie jinanjiñe añ’anjomba’ i Parò ao ty talily te fa totsake o rahalahi’ Iosefeo, le
niehake t’i Parò naho o mpitoro’eo. 17 Le hoe t’i Parò am’ Iosefe, Saontsio ty hoe o
rahalahi’oo: Ano zao: ampilogologò o bibi’ areoo vaho miziliha an-tàne Kanàne.
18 Indeso mb’amako mb’etoa ty rae’ areo naho o keleia’ areoo naho hatoloko ty
tane soa e Mitsraime atoa vaho hikama’ areo ty havondra’ o taneo. 19 Amantohañe
amy zao nahareo: le ano zao: Añandeso sarete boak’ an-tane Mitsraime atoy o
keleia’areoo naho o vali’areoo naho rambeso ty rae’ areo vaho mb’etoa. 20 Ko
itsakorea’ areo o fanaña’ areoo, fa anahareo ty soa amy ze hene tane e Mitsraime ao.

21 Aa le nanoe’ o ana’ Israeleo. Nitolora’ Iosefe sarete ty amy saontsi’ i Paròy
vaho nivatia’e ho amy liay. 22 Songa tinolo’e sikiñe vao t’indaty; fe tinolo’e bogady
volafoty telon-jato naho sikim-bao lime t’i Beniamine. 23 Nampihitrife’e mb’ aman-
drae’e mb’eo o retoañe: borìke folo nilogologo kilankañe soa’ i Mitsraime, borìke-
vave’e folo ninday tsako, mofo vaho fivatiañe ho an-drae’e amy fañaveloa’ey. 24 Le
nampionjone’e mb’eo o rahalahi’eo, naho nañavelo, vaho hoe re tam’iareo, Ko
mifandietse an-dalañe mb’eo.

25 Aa le nienga i Mitsraime iereo vaho nitotsak’ aman-drae’e an-tane’ Kanàne añe.
26 Le hoe iereo tama’e, Mbe veloñe t’Iosefe. Hene fehe’e ty tane Mitsraime. Nitoirañe
ty arofo’e, le tsy niantofa’e. 27 Fe natalily ama’e ty hene enta’ Iosefe nisaontsia’e, naho
ie nahaisake o sarete nahitri’ Iosefe hinday azeo, le nisotrake ty arofo’ Iakòbe rae’
iareo. 28 Hoe t’Israele, Heneke! Kanao mbe veloñe t’Iosefe anako, le tsy mete tsy
handeha mb’eo raho hahatreavako aze aolo’ ty fivetrahako.

# 46

*Fitaveaña' Iakòbe mb'e Mitsraime*

1 Ie nionjoñe amy fañaveloa'ey t'Israele ninday o fanaña'e iabio naho nandoake
e Beersevà ao, le nañenga soroñe aman' Añahare' Ietsàke rae'e re. 2 Nitsara am'
Israele añ' aroñaron-kaleñe t'i Andriananañahare nanao ty hoe, O Iakòbe, Iakòbe.
Intoy raho, hoe re. 3 Le hoe Re, Zaho o Andriananañahareo, t'i Andriananaharen-
drae'o; ko hembañe ami'ty fañaveloa'o mb'e Mitsraime mb'eo amy t'ie hanoeko foko
ra'elahy te añe. 4 Hindre lia ama'o mb'e Mitsraime mb'eo raho vaho toe hampoliko
indraike, le ty tañan' Ana'o, Iosefe, ro hampirompo o fihaino'oo.

5 Aa le nienga i Beersevà t'Iakòbe, vaho nendese' o ana-dahi' Israeleo t'i rae'e
Iakòbe rekets' o keleia'eo naho o vali'eo amo sarete nahitri' i Parò hindesañe azeo.
6 Nendese' iereo o hare' iareoo naho ty vara'iareo, o niazo' iareo an-tane Kanàneo,
vaho nandoak'e Mitsraime ao: t'Iakòbe rekets' i hasavereña'e iabiy; 7 nendese'e mb'e
Mitsraime mb'eo ze hene ana-dahi'e naho anan'ana'e lahy naho anak'ampela'e naho
anak'ampelan' ana-dahi'e vaho o tarira'e iabio.

8 Aa le zao o tahinan' ana' Israele nandoak'e Mitsraimeo: Iakòbe naho o ana-
dahi'eo. I Reòbene tañoloñoloña' Iakòbe, 9 le o ana' i Reòbeneo: i Kanòke naho
i Palò naho i Ketsrone vaho i Karmý. 10 O ana' i Simoneo: Iemoèle naho Iamìne naho
i Ohade naho Iakìne naho i Tsòkare vaho i Saòle ana'ty rakemba nte-Kanàne. 11 O
ana' i Levio: i Gersòne, i Kehàte naho i Merarý. 12 O ana' Iehodào: I Ere naho i
Onane naho i Selà naho i Perètse vaho i Zèrake (fe nivetrak' an-tane Kanàne añe
t'i Ere naho i Onane;) vaho ty ana' i Perètse: i Ketsrone naho i Kamòle. 13 O ana'
Isakareo: i Tolà, naho i Povà, naho Iòbe vaho i Simròne. 14 O ana' i Zebolone: i
Sèrede, naho i Elòne vaho Iak' leèle 15 (ana' i Leae iaby rezay, o nasama'e ho a
Iakòbe e Padan' arameo rekets' i Dinae anak' ampela'ey, le ni-telo-polo telo amby
ty ana-dahi'e miharo anak' ampela.) 16 O ana' i Gadeo: i Tsifiòne, naho i Kagý, i
Soný, naho i Etsbòne, i Erý, naho i Arodý vaho i Arelý. 17 O ana' i Asereo: Iimnà,
naho Iisvà, naho Iisvý, naho i Berìa vaho i Sèrake rahavave' iareo. O ana' i Berìao: i
Kebère naho i Malkièle; 18 (irezay ro ana' i Zilpae, i nomei' i Labàne i ana'e Leae vaho
nasama'e ho a' Iakòbe—ondaty folo eneñ' amby.) 19 O ana' i Rahkele vali' Iakòbeo:
I Iosefe naho i Beniamine. 20 Nahatoly i Menasè naho i Efraime an-tane Mitsraime
ao t'Iosefe, i nasama' i Asenate ana' i Potifera, mpisoro' i Oney, ho aze rey. 21 O
ana' i Beniamineo: i Bèla, naho i Bèkere, naho i Asbèle, i Gerà, naho i Naamàne, i
Eký, naho i Ròse, i Mopìme, naho i Khopìme vaho i Arde, 22 (nasama' i Rahkele am'
Iakòbe i ana'e rey: ondaty folo efats'amby.) 23 Ty ana' i Dane: i Kosìme. 24 O ana'
i Naftalio: Iaktseèle, naho i Goný, naho Ietsère vaho i Sileme, 25 (i Bilhae, natolo' i
Labàne amy ana'e Rahkele ty nahatoly irezay ho a' Iakobe—nitonto h'ondaty fito).
26 Ze hene ondati' Iakòbe nitotsake Mitsraime añe, o boak'am-bania'e ao naho tsy
o valin' ana'eo, le ondaty enem-polo eneñ' amby. 27 Roe ty ana' Iosefe nisamake e
Mitsraime ao; aa le fitompolo ty an-kasavereña' Iakòbe nandoake e Mitsraime añe.

*Mitoetse e Gosena ao t'Iakòbe*

28 Nirahe'e aolo'e mb'am'Iosefe mb'eo t'Iehodà hatoro'e aze hey ty lalañe mb'e
Gosena mb'eo, vaho nimoak' an-tane Gosena ao iereo. 29 Nampihentseñe' Iosefe ty
sarete'e le nionjom-b'eo hifanalaka am' Israele rae'e e Gosena ao. Niheo ama'e mb'eo
re, le namorokoko am-pititia'e vaho nangolololoike ela am-pititia'e eo. 30 Hoe t'Israele
am' Iosefe, Apoho hikenkañe henaneo, fa nitreako ty tarehe'o t'ie mbe veloñe. 31 Hoe
t'Iosefe aman-drahalahi'e naho añ'anjomban-drae'e, Hiavotse mb'eo raho hitalily ty
hoe amy Parò: Fa totsak' amako atoy o rahalahikoo naho ty anjomban-draeko boak'
an-tane Kanàne añe. 32 Mpiarak' añondry o lahilahio, fa mpihare, le hene nendese'
iereo o mpirai-lia'eo naho o mpirai-tro'eo vaho ze he'e am'iareoo. 33 Ie koiha' i Parò

manao ty hoe, Inom-bao ty tolon-draha' areo? [34] le hanoa'areo ty hoe, Fa mpihare
boak' amy te niajalahy pake henane o mpitoro'oo, zahay naho o roae'aio—soa t'ie
hitoetse an-tane Gosena, amy te mampangorý o nte-Mitsraimeo ze atao mpiarak'
añondry.

# 47

[1] Aa le nimb'amy Parò ao t'Iosefe le nanoa'e ty hoe: Fa totsak' atoy boak'an-tane'
Kanàne añe ty raeko naho o rahalahikoo, rekets' o mpirai-lia'eo naho o mpirai-tro'eo
vaho o fanaña' iareo iabio; oniño t'ie fa mitoetse an-tane Gosena añe. [2] Nendese'e
t'indaty lime amo rahalahi'eo vaho nampiatrefe'e amy Parò. [3] Hoe t'i Parò amy
rahalahi'e rey, Ino ty fitoloña' areo? Le hoe iereo amy Parò, Mpiarak' añondry o
mpitoro'oo, zahay naho o roae'aio. [4] Hoe iereo amy Parò, Pok'etoan-jahay hañialo an-
tane atoy; amy te tsy aman-tane hiandraza'e o mpirai-liam-pitoro'oo ami'ty hamafe'
i hasalikoañe an-tane Kanàney. Aa ehe, angao hitoetse an-tane Gosena añe o
mpitoro'oo. [5] Le hoe t'i Parò am' Iosefe, Fa totsak' ama'o ty rae'o naho o rahalahi'oo.
[6] Añatrefa'o ty tane Mitsraime, ampañialo an-tane kobokara iereo; angao hitoetse an-
tane Gosena añe; aa naho rendre'o ze mahatafetetse am'iereo, le ampamandroñeñe
iareo o harekoo.
[7] Nampihovae' Iosefe amy zao ty rae'e vaho nampiatrefe'e amy Parò, le nitata i
Parò t'Iakòbe. [8] Hoe t'i Parò am' Iakòbe, Fire ty taoñe niveloma'o? [9] Hoe t'Iakòbe
amy Parò, Zato-tsi-telo-polo ty andro' o taoñe nañialoako an-tane atoy; tsy ampeampe
vaho nampifeak' ahy ty andro' o taoñe nivelomakoo fa tsy nahatàkatse ty andro' o
taon-droaekoo, o andro nañialoa' iareoo. [10] Tinata' Iakòbe t'i Parò vaho nienga boak'
añatrefa' i Parò. [11] Aa le nampimoneña' Iosefe t'i rae'e naho o rahalahi'eo vaho
tinolo'e fanañañe an-tane Mitsraime ao, ty tane hoba amy taney, an-tane Ramsese ao
ty amy saontsi' i Paròy. [12] Le nifahana' Iosefe ty rae'e naho o rahalahi'eo, naho ty
añ'anjomban-drae'e iaby ami'ty mahakama ho am-bava' o keleia'eo.

### *Ty Kerè e Mitsraime Ao*

[13] Ie amy zay tsy ama' mahakama i tane iabiy, amy te nimafe i san-kerey. Nikantañe
ty an-tane Mitsraime ao naho an tane' Kanàne añe ty amy hasalikoañey. [14] Natonto'
Iosefe ze hene drala nioniñe an-tane Mitsraime ao naho an-tane Kanàne ao, ampitsa-
lohañe ty mahakama nikaloa' iareo vaho nasese' Iosefe añ'anjomba' i Parò ao o
dralao. [15] Ie nikapaike ze hene drala an-tane Mitsraime naho an-tane Kanàne añe,
le nivotrak' am' Iosefe o hene nte-Mitsraimeo nanao ty hoe, Añomezo mahakama!
Hatao akore ty hivetraha'ay añatrefa'o? Fa kòake o dralao. [16] Le hoe ty natoi' Iosefe,
Meo ahiko ty hare' areo, le ho tolorako mahakama ampitsalohañe hare kanao kapai-
drala. [17] Aa le nendese' iareo am' Iosefe ty hare' iareo vaho tinolo' Iosefe maha-
kama ampikaloañe soavala naho o añondri' iareo naho o añombe' iareo naho o
birikeo, le finaha'e mahakama amy taoñey o hare' iareoo. [18] Ie nimodo i taoñey le
niheo ama'e mb'eo amy taoñe nanonjohiy iereo, nanao ty hoe, Tsy hai'ay aetak' amy
talè'aiy te fa kapioke o drala'aio naho fa amy talè'ay ze troke añombe. Le tsy eo
ty añatrefam-pihaino' o talè'aio naho tsy o sandri'aio naho o tane'aio. [19] Inoñe ty
hikoromaha'ay naho o tane'aio añatrefam-pihaino'o? Vilio zahay naho o tane'aio
hatakalo i mahakamay. Ho ondevo' i Parò zahay naho o tane'ay iabio; fe meo tabiry
tsy hivetraha'ay vaho te tsy hangoakoake i taney.
[20] Aa le hene kinalo' Iosefe ty tane Mitsraime ho a i Parò. Fa songa nandetake
i tete'ey o nte-Mitsraimeo ami'ty hamafe' i san-kerey ama'e; aa le niazo' i Parò i
taney. [21] Le ty am' ondatio, naveve'e mb'an-drova ao, sikal' ami'ty efe' i Mitsraime
añe pak' añ'efe'e ila'e ka. [22] Ty tane' o mpisoroñeo avao ty tsy vinili'e; amy te
nahazo vati-jadoñe erik' amy Parò naho nikama i vaty namahana' i Parò iareoy vaho

tsy naleta' iareo o taneo. 23 Le hoe t'Iosefe am'ondatio, Kanao nikaloeko ama'areo
anindroany ho a i Parò o sandri' areoo naho ty tane'areo, intoy ty tabiry ho anahareo;
tongiso i taney. 24 Le hatolo' areo amy Parò am-pitatahañe añe ty faha-lime'e naho
ho tana'areo ty faha-lime'e efatse ho tabiry amo tonda' areoo, le ho mahakama' areo
naho ho a o añ'anjomba' areoo vaho ho a o keleia' areoo. 25 Hoe iereo, Fa rinomba'o
ty fiai'ay, aa ehe te hahatendrek' isoke am-pahaoniñan-talekoy, le ho mpitoro' i Parò
zahay. 26 Aa le nanoe' Iosefe fañè an-tane Mitsraime pak' androany te a i Parò ty
faha-lime'e naho tsy ty tane' o mpisoroñeo avao, ie tsy nivalike ho amy Parò.

### *O Andro Sengaha' Iakòbeo*

27 Aa le nitoetse an-tane Mitsraime, an-tane Gosena añe t'Israele vaho nanontoñe
vara ao, le namokatse vaho nangetseketseke. 28 Nimoneñe an-tane Mitsraime ao folo-
tao-fito'amby t'Iakòbe. Aa le zato-tsi-efapolo-fito' amby taoñe ty andro niveloma'
Iakòbe.
29 Ie nitotoke ty fañitoza' Israele, le kinanji'e t'Iosefe ana-dahi'e le hoe ty nafè'e:
Ie nahaonim-pañisohañe am-pahaisaha'o, le ehe aziliho ambane' foto-peko ao ty
fità'o havana vaho atraho am-patarihañe naho havantañañe. Ko mandeveñe ahy
e Mitsraime atoy; 30 aa kanao hindre hitsalalampatse aman-droaeko ao, le takono
hiakatse i Mitsraime vaho alenteho an-kibori' iareo ao. Hoe ty natoi'e, Hene hanoeko
o nisaontsie'oo, 31 le hoe re, Mifantà amako, le nifanta'e, vaho nibokok' antondohàm-
pandrea'e eo t'Israele.

## 48

### *I Menasè naho i Efraime*

1 Ie roñoñe añe, le nisaontsieñe am' Iosefe ty hoe, Fa deme'e ty rae'o. Aa le
nente'e mindre ama'e ty ana-dahi'e roe, i Menasè naho i Efraime, 2 le nisaontsieñe
am' Iakòbe ty hoe, Ingo fa pok' etoa t'Iosefe ana'o, le nañaly haozaran-dre nitroatse
amy fandrea'ey, 3 vaho nanao ty hoe am' Iosefe, Nañento amako t'i El-Sadai* e Loze,
an-tane Kanàne añe, ie nitata ahy 4 ami'ty hoe, Inao, hampiraoraoeko rehe vaho
hampitomboeko. Hanoeko foko am-poko, vaho hatoloko amo tarira'oo ty tane toy ho
fanañañe tsy ho modo nainai'e.
5 Ie amy zay, ho ahiko t'i Efraime naho i Menasè, i ana'o roe nitoly ama'o an-tane
Mitsraime atoy aolo' ty nimbako mb'ama'o mb'e Mitsraime atoy rey; hambañe ami'ty
maha-ahiko i Reòbene naho i Simone; 6 le ho azo ze samahe'o manonjohy iareo,
vaho ho volilieñe ambane' ty tahina' o rahalahi'eo iereo amo lova'iareoo. 7 Aa izaho
nimpoly boak'e Padana añe, le nihomak' amako an-tane Kanàne añe t'i Rahkele, an-
dalañe eo ie didý tsy nimoake Efràta ao; aa le naleveko añ'olon-dala' i Efràta eo. (e
Betlèkheme zay.)
8 Ie nioni' Iakòbe i ana' Iosefe rey, le hoe re, Ia o retiañeo? 9 Hoe t'Iosefe aman-
drae'e, Ie o anako natolon' Añahare ahy atoio. Le hoe re, Ehe endeso mb'etoa ho
tataeko. 10 Ie amy zao, nitàlo am-pihaino t'Iakòbe ami'ty fahantera'e, tsy nahaisake
soa. Aa le navi' Iosefe marine aze eo iereo le norofa'e vaho niforokokoe'e.
11 Hoe t'Israele am'Iosefe, Tsy nitamako ty hahatrea o tarehe'oo; fa hehe,
nampañisahen' Añahare ahy ka o ana'oo. 12 Le nakare' Iosefe añ'ongo'e iereo vaho
nampiondrehe'e mb'an-tane ty lahara'e. 13 Rinambe' Iosefe i roroey, i Efraime am-
pità'e havana ho mb'an-kavia' Israele, le i Menasè am-pità'e havia mb'an-kavana'
Israele vaho nampañarinea'e. 14 Fe nahiti' Israele ty fità'e havana naho nasampe'e
an-doha i Efraime zai'e vaho ty fità'e havia an-doha' i Menasè, toe nampitivalañe'e
o fità'eo ndra te i Menasè ty tañoloñoloña'e. 15 Nitatae'e t'Iosefe, ami'ty hoe:

* **48:3** Fot 17:1

Ry Andrianañahare niatrefan-droaeko
Avrahame naho Ietsàke am-pañaveloañe,
Ry Andrianañahare namahañe ahy
ami’ty fiaiko iaby pak’ androany,
16 Ry anjely namotsots’ ahy
amy ze fonga haratiañe,
tahio o ajalahy retoañe,
le ampitokavo ami’ty añarako,
naho ami’ty tahina’ i Avrahame
naho Ietsàke roaeko;
vaho ampivasiaño an-tane atoy.
17 Ie nioni’ Iosefe te an-doha’ i Efraime ty nampitongoàn-drae’e i fità’e havanay,
le tsy ninò’e vaho rinambe’e ty fitàn-drae’e hampipitsok’ aze an-doha’ i Efraime ho
amy loha’ i Menasèy. 18 Hoe t’Iosefe aman-drae’e, Tsy zay ry raeko! Ano ami’ty raike
toy ty fità’o, ie ty tañoloñoloñako. 19 Fe nifoneñe ty rae’e nanao ty hoe, Fantako ry
anako, apotako t’ie ho fifokoañe ka, mbore ho ra’elahy. Fe handikoatse aze ty zai’e,
fa ho halifora’ o fifeheañeo o tarira’eo. 20 Aa le nitatae’e iereo amy andro zay ami’ty
hoe:
Ihe ty hitatà’ Israele, ami’ty hoe,
Ehe t’ie hampanahafen’Añahare amy Efraime naho amy Menasè.
Aa le najado’e ho lohà’ i Menasè t’i Efraime. 21 Le hoe t’Israele am’ Iosefe, Inao
te hikenkan-draho, fe hindre ama’ areo t’i Andrianañahare vaho hampoli’e mb’an-
tanen-droae’ areo mb’eo. 22 Tovo’ izay, fa natoloko anjara raik’ ambone’ o rahalahi’oo
rehe, i tinavako am-pibarako naho faleko am-pità’ o nte-Emoreoy.

# 49

*Fitata’ Iakobe o Ana’eo*

1 Le kinanji’ Iakòbe o ana’eo, vaho nanao ty hoe, Miropaha amako etoy, ho talilieko
ze hifetsak’ ama’ areo amo andro añeo.
2 Mivoria vaho mitsanoña, ry ana’ Iakòbe; tsendreño Israele rae’areo.
3 O Reòbene, tañoloñoloñako rehe,
ty haozarako naho
ty loha-voan-kafatrarako,
mininginingy an-dohàñe,
miligiligy am-panjofahañe.
4 mihalingaliñe hoe rano, tsy hionjoñe ka,
amy te nanganiha’o ty fandrean-drae’o;
nitivàeñe—ie nijoñe an-tihiko eo!
5 Miharo-foetse t’i Simone naho i Levy;
haraom-piaroteñe o fialia’ iareoo.
6 Ee te tsy hitrao-pikinia’ am’iareo ty troko,
Lonike te tsy hirekets’ am-pivori’iareo ty asiko,
Fa an-kabosehañe ty namonoa’iareo ondaty,
Naho an-tsatri’ iareo ro namirasintake añombe,
7 Hafàtse ty haboseha’iareo,
amy te mandoviake,
naho ty fiforoforoa’iareo,
amy te manitra!
Ho zaraeko am’ Iakòbe ao iereo,
vaho hampiparaitaheko e Israele ao.
8 O Iehodà, mandrenge azo o rahalahi’oo;

An-trehon-drafelahi’o ty fità’o;
Milokoloko ama’o o ana-dahin-drae’oo.
9 Ana-diona t’Iehodà;
Nitsàtsa rehe le nitroatse.
Mitsakononoke eo re,
mangolotoke hoe liona, hoe liona-vave,
ia ty hampitsekak’ aze?
10 Tsy hipitsok’ am’ Iehodà
ty kobain-drazañe,
ndra ty fitoñom-panjaka
añivo’ o fandia’eo,
ampara’ ty fitotsaha’ i Talè’ey*
vaho ie ty hivohora’ o kilakila’ndatio.
11 Vahora’e am-bahe ty borìke’e tarabao,
naho ty ana-borìke’e am-bahe miloeloe,
le sinasa’e an-divay o siki’eo,
naho o saro’eo an-diom-balobok’ ao;
12 Menae’ ty divay o maso’eo,
vaho hafotin-dronono ty nife’e.
13 Hitoetse añolon-driake t’i Zebolone ho fitolian-dakañe,
hiefetse amy Tsidòne añe.
14 Borìke maozatse t’Isakare
miondrek’ añivon-kilankañe roe,
15 Naheo’e te soa i fitofàñey
naho te naindoñindoñe i taney,
aa le nabokoboko’e o soro’eo hinday
vaho ninjare nitoroñe haba.
16 Hizaka ondati’eo t’i Dane,
Kanao mpiamo foko Israeleo.
17 Ho mereñe an-dalañe eo t’i Dane,
menarà mandiñe an-dalan-tsileke eo,
Mpihehetse tomin-tsovala
Hampitafatsilañelañe i piningi’ey.
18 Mandiñe ty fandrombaha’o raho
ry Iehovà.
19 Haname i Gade ty fifañosoñañe,
Fa hihoridaña’e an-tomi’e.
20 Boak’amy Asere ty mahakama matave,
hazotso’e ty hafiriam-panjakay.
21 Renem-panaloke nampidadañe t’i Naftaly,
mitaroñe razan-tsaontsy.
22 Tirin-katae mamoa t’Iosefe,
toran-katae miregorego
añ’olon-drano manganahana;
mamokon-kijoly o tora’eo.
23 Nampioje aze an-kafairañe o mpitàm-paleo;
Hiniriri’iareo ana-pale fa nalaiñe aze.
24 Fe nitan-kaozarañe i fale’ey
vaho nampigañe’ o fitàn-Tsitongerè’ Iakòbeo, o siram-pità’eo,
Boak’ ao ty Mpiarake, i Lamilami’ Israeley,

---

* **49:10** Heb: Siloa ( i banabanaeñey)

25 hirik’ aman’ Añaharen-drae’o
mpañimb’azoy,
naho amy El-Sadai mpitahy azo,
amo fitahia’ i andikerañe amboneio,
amo fitahia’ i laleke mandre ambane aoio,
amo fitahiam-patroa naho hoviñeo.
26 Maozatse te ami’ty tata’ o vohitse tsy modoo o tatan-drae’oo,
Pak’ añ’efe’ o haboañe nainai’eo
ty ho an-kevo’ Iosefe,
naho añambone’ i naambake†
amo rahalahi’eoy
27 Farasy romotse t’i Beniamine,
maraiñe re mampibotseke ty nitsatsà’e,
haleñe re mandiva o kinopa’eo.
28 I tsaraeñe rezay ro fifokoa folo-ro’ ambi’ Israele, le i saontsieñey ro nafèn-drae’
iareo t’ie nitata; toe songa nitatae’e an-tata mañeva.

*Ty Havilasi’ Iakòbe*

29 Le hoe ty nafè’e am’iereo: Fa antitotse te hifanontoñe am’ ondatikoo raho.
Aleveño aman-droaeko an-dakato an-tete’ i Efrone nte-Khete ao 30 amy lakato an-
tonda’ i Makpelà, aolo’ i Mamrè, an-tane Kanàne añe, vinili’ i Avrahame reketse
tonda amy Efrone nte-Khete ho tanen-donake ho azey. 31 Tao ty nandentehañe i
Avrahame naho i Sarà vali’e le ty nandentehañe Ietsàke naho i vali’e Ribkae, vaho
tao ty nandeveñako i Leae 32 I tetekey naho i lakato ama’ey ty vinily amo ana’ i Kheteo.
33 Ie nagado’ Iakòbe i nafè’e amo ana’eoy, le naonjo’e am-pandrea’e o fandia’eo le
nikofòke fara’e vaho natontoñe am’ ondati’eo.

# 50

1 Nihotrak’ an-daharan-drae’eo t’Iosefe le nangoihoy ama’e vaho nañorok’ aze.
2 Linili’ Iosefe o mpanaha mpitoro’eo hañoloñe an-drae’e. Le hinolonkolo’ o
mpanahao t’Israele; 3 efa-polo andro ty nirì’ iereo ama’e, amy te zay o andro
mahafonitse ty fañolonkoloñan-jañahareo. Nandala fitom-polo andro ho aze o nte-
Mitsraimeo.
4 Ie niheneke o androm-pandalàñe azeo le hoe ty lañona’ Iosefe amo añ’anjomba’
i Paròo, Aa naho nahatendreke isoke am-pahaisaha’areo raho le saontsio an-
dravembia’ i Parò ty hoe: 5 Nampifantàn-draeko ahy ty hoe: Ingo fa hikenkan-draho.
Le aleveño an-kibory hinaliko ho am-batako an-tane Kanàne ao. Aa le angao raho
hionjom-b’eo handeveñe an-draeko vaho himpoly. 6 Hoe ty natoi’ i Parò, Mionjona,
aleveño ty rae’o amy nampifantà’e azoy.
7 Aa le nionjoñe t’Iosefe handeveñe an-drae’e. Fonga nindre ama’e ze mpitoro’
i Parò naho o roandria añ’ anjomba’e ao naho o roandria’ ty tane Mitsraime
iabio, 8 naho ty añ’anjomba’ Iosefe iaby, o rahalahi’eo vaho ty añ’ anjomban-
drae’e. Fe napok’ an-tane Gosena ao o ana’iareoo naho o mpirai-trokeo naho o
lia-raikeo. 9 Nindre-lia ama’e o sarete reketse mpindaio. Nivalobohòke jabajaba.
10 Ie nivotrak’ an-toem-pamofoha’ i Atade, alafe’ Iordaney, le nanao fandalàñe
jabajaba nampioremeñe; fito andro ty nandalà’e an-drae’e. 11 Ie niisa’ o nte-Kanàne
mpimoneñe amy taneio i fandalàñe an-tanem-pamofoha’ i Atadey le hoe iereo.
Fandalàñe mampioje o anoe’ o nte-Mitsraimeo. Aa le natao Abele Mitsraime i tane
andafe’ Iordaney zay, 12 naho nihenefe’ o ana-dahi’eo i nafè’ey: 13 Nitakone’ iereo
mb’ an-tane Kanàne mb’eo vaho naleve’ iareo an-dakato an-tete’ i Makpelà ao, i

† **49:26** Ndra: nte-Nazare

vinili’ i Avrahame rekets’ i tonday marine i Mamrè amy Efrone nte-Khete ho tanen-
dona’ey. 14 Ie nandeveñe an-drae’e t’Iosefe le nimpoly mb’e Mitsraime añe rekets’ o
rahalahi’eo naho i maro nindre nionjoñe ama’e mb’eo nandeveñe an-drae’ey.

*Miheve an-dRoahalahi’e t’Iosefe*

15 Aa ie nioni’ o rahalahi’ Iosefeo te nivilasy ty rae’ iareo le hoe ty fitsakorea’
iareo: Hera mitan-kabò aman-tika t’Iosefe hañondroha’e aman-tikañe ze fonga raty
nanoan-tika? 16 Aa le nañitrik’ am’Iosefe iereo nanao ty hoe, Hoe ty nafèn-drae’o
aolo’ t’ie nihomake, 17 Zao ty ho enta’ areo am’ Iosefe: Ehe apoho ty tahiñe nanoa’
o rahalahi’oo naho i hakeo nanoe’ iereo nijoy azoy. Aa ie henaneo, ehe apoho
ty hakeo’ o mpitoron’ Añaharen-drae’oo. Nirovetse t’Iosefe ty amy enta’ iareo
ama’ey. 18 Nimb’eo amy zao o rahalahi’eo, nibabok’ añ’atrefa’eo, nanao ty hoe,
Intoan-jahay fa ondevo’o. 19 Aa hoe t’Iosefe am’ iereo, Ko hembañe, mpisolo an’
Andrianañahare v’o ahoo? 20 Inahareo ka, toe nikinia raty amako fe sinafirin’
Añahare ho soa, hiboaha’ o oniñe henaneo, hampitambeloma’e ondaty mitozantoza.
21 Aa le ko mahimahiñe, fa ho fahanako nahareo naho o keleia’ areoo. Amy hoe zay
ty nampanintsiña’e, ie nisaontsy añ’arofo’ iareo ao.

*O Andro Sengaha’Iosefeo*
*Heb 11.22*

22 Nimoneñe e Mitsraime ao t’Iosefe, ie naho ty hasavereñan-drae’e; vaho niveloñe
zato-tsi-folo taoñe. 23 Niisa’ Iosefe o ana’ i Efraimeo pak’ ami’ty tariratse faha telo;
nibeizeñe añ’ ongo’ Iosefe ka o ana’ i Makire, ana’ i Menasèo. 24 Le hoe t’Iosefe
aman-drahalahi’e, fa hikenkan-draho; le toe hitotsak’ ama’areo t’i Andrianañahare
hinday anahareo hienga an-tane atoy homb’an-tane nifantà’e amy Avrahame, am’
Ietsàke naho am’Iakòbe. 25 Aa le nampifantà’ Iosefe amo ana’ Israeleo ty hoe, Toe
hañimba anahareo t’i Andrianañahare, vaho hakare’ areo an-tane atoy o taolakoo.
26 Nihomake t’Iosefe, ie ni-zato-tsi-folo taoñe, le naholonkoloñe naho napololòtse an-
tsandòke e Mitsraime ao.

# Avotse

1 Iretoañe ty tahina' o ana' Israele nivotrake e Mitsraime ao nindre amy Iakòbeo
songa an-kasavereña'e: 2 i Reòbene, i Simone, i Levy naho Iehodà, 3 Isakare, i
Zebolone naho i Beniamene, 4 i Dane naho i Naftalý, i Gade naho i Asere. 5 Fitom-polo
ty ia' ondaty nasama' Iakòbeo. Fa te Mitsraime añe ka t'Iosefe. 6 Ie nivilasy t'Iosefe
naho i rahalahi'e rey iaby naho ze hene nimpirai-nono ama'e, 7 le niraorao o ana'
Israeleo, nanarànake naho nitombo ho maro naho toe niha-ra'elahy vaho nahatsitsike
i taney.

*Niforekekeñe*

8 Ie amy zao, nitroatse hifehe i Mitsraime ty mpanjaka tsy nahafohiñe Iosefe.
9 Hoe re am'ondati'eo. Heheke, mandikoatse naho maozatse te aman-tika o ana'
Israeleo. 10 Antao arè hinday iareo an-kihitse ke hitombo, hera mifetsak' atoy
ty aly le mete hirekets' amo rafelahintikañeo iereo hialy aman-tika hienga an-
tane atoy. 11 Aa le nampijadoña' iareo mpifelek' ondevo, hamorekeke iareo an-
kilankañe, le namboara' iereo rova famandroñañe t'i Parò: i Pitòme naho i Raamèse.
12 Aa ndra te nañindra i fampisilofañey, mbe nitombo naho nangetseketseke avao
ondatio; toly ndra nampangebahebake iareo o ana' Israeleo, 13 le nampitoroñe' o
nte-Mitsraimeo an-kabodongero'e o ana' Israeleo. 14 Naho nanoeñe afero ty fiai'iareo,
am-pifanehafañe mafe ami'ty birìke naho làlotse vaho amy ze hene fitoloñañe an-
kivoke ey, le fonga an-tsenge-hery ty fampitromahañe nampanoeñe iareo.
15 Le hoe ty mpanjaka' i Mitsraime amo mpanaha-mampiterake o nte-Evreoo
(i Siprahae ty añara' ty raike naho i Poahae ty añara' ty raike): 16 Hoe re: Ie
mampiterake ty rakemba nte-Evre naho mahaisak' aze am-pitoboham-pisamahañe,
ie lahilahy, vonò; fa naho ampela, apoho ho veloñe. 17 Fe nimpañeveñe aman'
Añahare o mpanàhao, le tsy nanoe' iareo i nandilia' i mpanjaka' i Mitsraimeiy, fa
nenga' iareo veloñe o lahilahio. 18 Aa le kinoi' i mpanjaka' i Mitsraimey i mpanaha
rey naho nanoa'e ty hoe, Akore ty anoa' areo zao, te apo' areo veloñe o lahilahio?
19 Hoe i mpanaha rey amy Parò, Toe tsy hambañe amo rakemba nte-Mitsraimeo o
rakemba ana' Israeleo fa mavitrike mahatoly aolo' ty ivotraha' ty mpanaha. 20 Aa
le nanoan' Añahare soa o mpanahao; vaho niha-tsiefa naho nitombo an-kaozarañe
ondatio. 21 Aa kanao nañeveñe aman' Añahare o mpanahao le nampisavereñe'e.
22 Le hoe ty nafanto' i Parò am'ondati'e iabio: Afetsaho amy Nailey ze hene anadahy
samake, fa tano ho veloñe o anak'ampelao.

## 2

*Tinarike boak' ao*
*Heb.11.23*

1 Ie amy zao, nañenga ty anak' ampela' i Levy t'indaty boak' añ' anjomba' i
Levy. 2 Niareñe i rakembay, nitoly ana-dahy, le nioni'e te soa i ajajamenay vaho
naeta'e telo volañe. 3 Aa ie tsy nahafañetak' aze ka, le nangala'e vakoa-vinda naho
nipakora'e mozòtse naho lite-laka vaho najo'e ao i anak' ajajay vaho natsorofo'e
am-binda añolon-drano ey. 4 Nijohañe ey ty zoke'e ampela nisamba ze hanoañe aze.
5 Nizotso mb'an-tsaka mb'eo amy zao ty anak' ampela' i Parò hiandro, le nijelanjelañe
añ'olotse ey o somondrara'eo. Aa naho nitrea'e añate-vinda ao i vakoay le nirahe'e
hangalak' aze ty mpitoro'e ampela, 6 vaho sinoka'e le nahaisake i anak' ajajay. Nitañy
i ajajamenay vaho niferenaiña'e, ami'ty hoe: Toe anan-te-Evre toke. 7 Le hoe i

rahavave’ey amy ana’ i Parὸy, Akore t’ie añitrifako mpampinono amo rakemba nte-
Evreo hampinono i ajajay? 8 Akia, hoe i anak’ ampela’ i Parὸy; aa le nimb’eo i
ajajampelay nitoka ty rene’ i ajajay. 9 Hoe i ana’ i Parὸy ama’e, Endeso ty ajaja toy le
ampinonὸ ho ahiko vaho ho tambezeko rehe. Aa le nendese’ i rakembay i anak’ ajajay
vaho nampinonoe’e. 10 itombo i ajajay le nendese’e mb’amy anak’ampela’ i Parὸy
añe vaho rinambe’e ho ana-dahi’e. Natao’e Mosè* ty añara’e amy ty hoe, Tinariko
boak’an-drano.

*Nibotatsake mb’e Midiane mb’eo*

11 Ie te indraik’ andro naho fa niañoñ’ ay t’i Mosè, le niakatse mb’ am’ ondati’eo
nahaoniñe ty nijinia’iareo naho nioni’e ty nte-Mitsraime namofoke ty nte-Evre, raik’
amo longo’eo. 12 Nijilojilo mb’ etia mb’ eroy, aa ie tsy nahatrea ondaty, le nañohofa’e
loza i nte-Mitsraimey vaho naeta’e am-paseñe ao. 13 Ie niakatse mb’eo naho loak’
andro le nanjo ty nte-Evre roe nifandrapake ty aly, le hoe re ami’ty aman-kakeo, Ino
ty andafà’o o longo’oo? 14 Le hoe re. Ia ty nañoriñ’ azo ho mpifehe naho mpizaka
anay? Hañe-doza amako ka hao rehe manahake i namonoa’o i nte-Mitsraimeiy?
Nihembañ’ amy zao t’i Mosè nitsakore ty hoe, Toe nirendreke i rahay. 15 Jinanji’ i
Parὸ, le nipay ty hañe-doza amy Mosè.

Le nibioñe ami’ty tarehe’ i Parὸ t’i Mosè, noly mb’an-tane Midiane añe vaho
niambesatse am-bovoñe eo. 16 Aman-anak’ ampela fito ty mpisoro’ i Midiane.
Nimb’ eo iereo nitari-drano nañatsake o dabaogao hampinomeñe ty lia-rain-drae’e.
17 Pok’eo amy zao o mpiarak’ añondrio nanao soike iareo. Niongake t’i Mosè le
rinomba’e le nampinome’e i lia-rai’iareoy. 18 Ie nimpoly mb’an-drae’e Reoele† mb’eo
le hoe re, Ino ty nampasika ty fimpoli’ areo androany?

19 Hoe iereo, Nañolots’ anay amo mpiarak’ añondrio ty nte-Mitsraime vaho
nitariha’e rano mbore nampinome’e i lia-raikey. 20 Hoe re amo anak’ ampela’eo, Aia
re? Ino ty nienga’ areo indatiy? Ambarao hikama. 21 Niantofa’ i Mosè t’ie holy amy
‘ndatiy vaho natolo’e amy Mosè t’i Tsiporàe anak’ ampela’e ho vali’e. 22 Nahatoly
ana-dahy ho aze re vaho natao’e Geresòme, ami’ty hoe, Renetane raho mañialo an-
tanen’ ambahiny.

23 Ie roñoñe añe, nihomake i mpanjaka’ i Mitsraimey naho nampiselekaiñe o ana’
Israeleo i fandrohizañey, le nirohadrohake vaho nionjoñe mb’ aman’ Añahare boak’
amy fitromahañey ty fitoreo’ iareo. 24 Jinanjin’ Añahare ty toreo’ iareo vaho nitiahin’
Añahare i fañìna’e amy Avrahame naho am’ Ietsàke vaho am’ Iakòbey. 25 Nivazohon’
Añahare o ana’ Israeleo vaho nihaoñen’ Andrianañahare.

# 3

*I Rongoñe Nisodotsey*

1 Ie niarake ty lia-rai’ Iit’rò, rafoza’e, mpisoro’ i Midiane, t’i Mosè, le niaoloe’e
mb’an-kalo’ i ratraratray mb’eo i lia-raikey vaho pok’ e Korèbe vohin’ Añahare
eo. 2 Nisodehañe ama’e an-delan’afo an-drongoñe ao ty anjeli’ IEHOVÀ; nisaria’e,
le ndra te nirebarebaen’ afo i rongoñey tsy nahatomontoñe aze. 3 Le hoe t’i
Mosè, Het! hitsile raho hisamba o raha fanjaka eroan-koekeo, handrendreke
ty tsy mahamae o rongoñeo. 4 Nivazoho’ IEHOVÀ t’ie nitsile mb’eo hisamba, le
nikanjien’ Añahare boak’ amy rongoñey, ami’ty hoe: O Mosè, Mosè! Hoe re,
Intoy raho, 5 Le hoe re, Ko mañarivo mb’etoañe, afaho hey o hana am-pandia’oo
amy te masiñe o tane ijohaña’oo. 6 Tinovo’e ty hoe, Zaho t’i Andrianañaharen-
droae’o, t’i Andrianañahare’ i Avrahame naho t’i Andrianañahare’ Ietsàke vaho

* 2:10 Mosè: Tinarike boak’ ao † 2:18 Itro: Roandria

t'i Andriananãhare' Iakòbe. Le nanakon-daharañe t'i Mosè fa nihembañe tsy te
hahaisak' an' Andriananãhare.
7 Le hoe t'IEHOVÀ, Toe nisarieko ty hasotria' ondatiko e Mitsraimeo; le tsinanoko
ty fitoreo' iareo ty amo mpanao bozizy iareoo; toe apotako ty halovilovia' iareo, 8 le
nizotsoako handrombak' iareo amo nte-Mitsraimeo, hañakatse iereo amy taney naho
hendeseko mb' am-patram-bey soa, mb' an-tane orikorihen-dronono naho tantele,
mb' an-tane' o nte-Kanàneo naho o nte-Kheteo naho o nte-Emoreo naho o nte-
Perizeo naho o nte-Kiveo vaho o nte-Iebosìo. 9 Ie amy zao, inao! fa pok' amako ty
fibabababa' o ana' Israeleo; vaho nitreako ty famorekekea' o nte-Mitsraime manindry
iareoo. 10 Akia, mamantok' azo raho homb' amy Parò mb'eo hañavotse o ana' Israele
ondatikoo amy Mitsraime. 11 Aa hoe t'i Mosè aman' Añahare, Ia v-iraho te homb'
amy Parò hañakatse o ana' Israeleo boake Mitsraime ao? 12 Hoe re, Toe hindrezako;
vaho zao ty haharendreha'o an-kató te Zaho ty nañirak' azo: naho navota'o boake
Mitsraime ao ondatio, le hitalaho aman' Añahare ami'ty vohitse toy nahareo.

*Nibentareñe i Tahinañey*

13 Aa hoe t'i Mosè aman' Añahare, Ingo, homb' amo ana' Israeleo mb'eo raho
hanao ty hoe, Nirahen' Añaharen-droae' areo homb' ama' areo mb' etoan-draho,
vaho hañontanea' iereo ty hoe, Ia ty tahina'e? aa le inoñe ty havaleko? 14 Hoe
t'i Andriananãhare amy Mosè, EHIÈ ZE EHIÈ,[*] Le tinovo'e ty hoe, Hoe ty ho
saontsie'o amo ana' Israeleo, EHIÈ, ty nañitrik' ahy homb'ama' areo mb'etoa.
15 Hoe ka t'i Andriananãhare amy Mosè, Hoe ty hatao'o amo ana' Israeleo, IEHOVÀ,
Andriananãharen-droae' areo, t'i Andriananãhare' i Avrahame, i Andriananãhare'
Ietsàke naho i Andriananãhare' Iakòbe ro nañirak' ahy homb'ama' areo mb'etoa.
Zay ty añarako nainai'e,
vaho zay ty fanoñonañe ahy
nainai'e an-tsà an-tsà.
16 Akia, atontono o androanavi' Israeleo vaho ano ty hoe, Nisodehañe' amako
t'IEHOVÀ Andriananãharen-droae' areo, t'i Andriananãhare' i Avrahame naho
Ietsàke vaho Iakòbey, nanao ty hoe: Toe nitilik' anahareo raho naho nitreako o
anoañe e Mitsraimeo. 17 Le hoe raho: havotako ami'ty halovilovia' i Mitsraime
nahareo, homb' an-tane' i nte-Kanàney naho i nte-Khetey naho i nte-Emorey naho i
nte-Periziy naho i nte-Kivey vaho i nte-Iebosìy, mb'tane orikorihen-dronono naho
tantele añe. 18 Ho haoñe' iareo ty fiarañanaña'o le hiheo mb'amy mpanjaka' i
Mitsraimey rehe rekets' o androanavi' Israeleo hanao ty hoe, Fa nifañaoñe ama'ay
t'IEHOVÀ Andriananãhare' o nte-Evreo, aa le angao hañavelo lia telo andro am-
patrambey añe hañenga soroñe am' IEHOVÀ Andriananãhare'ay. 19 Toe fantako t'ie
tsy hapo' ty mpanjaka' i Mitsraime hañavelo naho tsy am-pitàñe maozatse. 20 Aa le
hahitiko ty tañako hipaoke i Mitsraime amy ze hene fitoloñañe mahalatsa hanoeko
ao. Mandimbe zay t'ie hapo'e hienga. 21 Toe hampañisohako am-pihaino' o nte-
Mitsraimeo ondatio, aa ie mienga, le tsy hañavelo an-tañam-polo; 22 fa songa hihalaly
fanake volafoty naho volamena naho saroñe amo mpiharo tanàñe ama'eo naho amy
ze ambahiny añ' anjomba'e ao ze rakemba vaho haombe' areo amo ana-dahy naho
anakampela' areoo vaho ho volose' areo o nte-Mitsraimeo.

# 4

*O Raha Tsitantane Nampanoeñe i Mosè*

1 Le hoe ty natoi' i Mosè, Aa naho tsy miantok' ahy iereo, tsy mijanjiñe ty feoko, fe
hanao ty hoe, Tsy niheo ama'o t'IEHOVÀ? 2 Hoe t'IEHOVÀ ama'e, Ino o am-pità'oo? Hoe

[*] **3:14** Ehiè-Aser-Ehiè : Zaho eo Izaho eo',

re, Kobaiñe. 3 Le hoe re, Afetsaho an-tane eo. Aa le nafetsa'e an-tane naho ninjare
mereñe vaho nidisaha' i Mosè. 4 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ampitakaro ty fità'o,
tsepaho añ'ohi'e—aa le nahiti'e ty fità'e nitsipaok' aze vaho niheren-ko kobaiñe am-
pità'e ao— 5 hiantofa' iareo te niheo ama'o t'IEHOVÀ, Andriananañaharen-droae' iareo,
t'i Andriananañahare' i Avrahame, i Andriananañahare' Ietsàke vaho i Andriananañahare'
Iakòbe.
6 Natovo' IEHOVÀ ama'e ty hoe, Aziliho añ-araña'o ao ty fità'o, le nazili'e añ-araña'e
ao ty fità'e le ie nakare'e; hehe te angamae i fità'ey, hafotim-bolovaso. 7 Le hoe re,
Ampolio añ-araña'o ao o fità'oo; aa le nazili'e añ-araña'e ao indraike i fità'ey naho
nakare'e boak' añ-araña'e ao, ie fa nibali-ko hambañe ami-ty sandri'e. 8 Aa naho
tsy miantok' azo ndra mijanjiñe ty feo' i viloñe valoha'ey le hiantofe'iereo ty feo' i
viloñe faharoey. 9 Ie mboe tsy miantoke i viloñe roe rey naho tsy mañaoñe ty feo'o le
anovizo rano boak' amy Nailey naho adoaño an-tane maike eo, fa hinjare lio an-tane
maike eo i rano rinambe'o amy sakaiy.
10 Aa hoe t'i Mosè amy IEHOVÀ, Ry Talèko, tsy mahafilañon-draho; ndra taolo
ndra hirik' amy nitsara'o amo mpitoro'oo, te mone midàm-bolañe vaho bedo-lela.
11 Aa le hoe t'IEHOVÀ ama'e, Ia ro namboatse ty falie' ondaty? Ia ro mamboatse
ty bobo, ty giñe, ty mahaisake, vaho ty fey? Tsy Zaho IEHOVÀ hao? 12 Akia arè;
himbaeko ty falie'o vaho hanareko azo ze ho saontsie'o. 13 Fe hoe re, Ry Talèko,
ehe iraho am-pità' i hirahe'oy. 14 Niviañe amy Mosè amy zao ty haviñera' IEHOVÀ,
le hoe re, Tsy apotako hao i rahalahi'o Aharone nte-Leviy, t'ie mahafirehake? Inao,
mionjomb' ama'o mb'etoa re hifañaoñe ama'o vaho hifale añ'arofo'e te mahaoniñe
azo. 15 Hisaontsy ama'e rehe vaho hajo'o am-palie'e o tsarao. Himbaeko ty falie'o
naho i falie'ey vaho hañohako ama' areo ze hanoe' areo. 16 Ie ty hisolo-falie azo am'
ondatio; ie ty ho falie ama'o vaho ho fanalolahy ama'e rehe. 17 Rambeso am-pità'o o
kobaiñeo, fa añama'e ty hanoe'o o viloñeo.

### *Mimpoly mb'e Mitsraime mb'eo*

18 Nienga t'i Mosè naho nibalike mb' aman-drafoza'e Iitrò mb'eo nanao ty hoe, Ehe
angao himpoly mb'amo rolongoko e Mitsraimeo handrèndreke hera mbe veloñe. Le
hoe t'i Iitrò amy Mosè, Akia am-panintsiñañe, 19 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè e Midiane
ao, Akia, mimpolia mb'e Mitsraime mb'eo fa fonga nihomake ondaty nipay ty fiai'oo.
20 Aa le nendese' i Mosè i vali'ey naho o ana-dahi'eo naho nampiningire'e ami'ty
borìke, le nimpoly mb' an-tane Mitsraime mb'eo; le nitintiñe' i Mosè am-pità'e i
kobain'Añaharey.
21 Aa hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ie miheo mb'e Mitsraime añe, asoao te hanoe'o
añ'atrefa' i Parò ze hene viloñe napoko am-pita'o, fa hampandiereko ty arofo'e tsy
hapo'e hañavelo ondatio. 22 Le hoe ty hanoa'o amy Parò, Hoe t'IEHOVÀ: Anako naho
tañoloñoloñako t'Israele; 23 le hoe raho ama'o, Angao hañavelo i anakoy hitoroñe*
ahy. F'ie mifoneñe tsy hampañavelo aze, inao arè: havetrako ty ana-dahi'o, i
tañoloñoloña'oy.
24 Ie amy liay, amy nialeña' iareoy, le nifanampe ama'e t'IEHOVÀ, ho nañè-doza
ama'e. 25 Le rinambe' i Tsiporàe ty vato masioñe le tinampa'e ty ofon' ana-dahi'e
naho nahifi'e am-pandia'eo vaho hoe re, Toe mpañenga-an-dio amako rehe! 26 Aa le
navotso'e vaho nanao ty hoe i rakembay, Ty valiko an-dio ty amy savatsey.
27 Hoe t'IEHOVÀ amy Aharone, Akia mb' am-patrambey añe hifanalaka amy Mosè.
Aa le nimb'eo re nifanalaka ama'e am-bohin' Añahare eo vaho norofa'e. 28 Nita-
roñe' i Mosè amy Aharone ze hene nitsarae' IEHOVÀ nañirak' azey vaho i viloñe iaby
nafanto'e ama'e rezay. 29 Nimb' eo amy zao t'i Mosè naho i Aharone nanontoñe ze

* **4:23** Heb: mitoroñe, miava; mitalaho

hene androanavi’ o ana’ Israeleo; 30 le nisaontsie’ i Aharone o nitsarae’ IEHOVÀ amy
Mosè iabio vaho nanoe’e am-pahaisaha’ ondatio o viloñeo. 31 Niantoke ondatio, aa
naho jinanji’ o ana’ Israeleo te nisary iareo t’IEHOVÀ naho nivazohoe’e ty fisotria’
iareo, le niondreke vaho nitalaho.

# 5

*Tsy Vatien’ ahetse o Birikeo*

1 Tampetse zay le niheo mb’amy Parò mb’eo t’i Mosè naho i Aharone, nanao ty
hoe, Hoe t’IEHOVÀ Andrianañahare’ Israele: Angao hañavelo mb’eo ondatikoo hanoe’
iereo sabadidak’ amako am-patrambey añe. 2 Aa hoe t’i Parò, Ia ze o IEHOVÀ zao
te ho haoñeko ty feo’e hampiavotako Israele. Amoeako ze o IEHOVÀ zao vaho tsy
hapoko hionjoñe ka t’Israele. 3 Le hoe iereo, Nifañaoñe ama’ay t’i Andrianañahare’
o nte-Evreo; aa le hañavelo lia telo andro mb’ ampatrañe añe zahay hisoroñe am’
IEHOVÀ Andrianañahare’ay, tsy mone hampiambotraha’e am’ angorosy ndra fibara.
4 Fe hoe ty mpanjaka’ i Mitsraime am’ iereo. O Mosè naho Aharone, inom-bao ty
hampisitahañe ondatio amo fitoloña’eo? Mimpolia amo fijinia’areoo! 5 Tinovo’ i
Parò ty hoe, Ingo te maro t’indaty an-tane ao henaneo vaho ipaia’ areo hitroatse tsy
hitoloñe! 6 Aa le linili’ i Parò amy andro zay o mpanao bozizi’ iareoo naho o mpisari’
iareoo, ty hoe: 7 Tsy hatolotse ahetse ka ondatio fe hamboatse birike mira amy teoy;
angao hatonto’ iareo ze ahetse paiaeñe. 8 Le ampano’ areo birike mira amy nanoeñe
taoloy, tsy haketrake, amy t’ie votro, zay ty mampitoreo iareo ami’ty hoe: Apoho
hiavotse añe hisoroñe aman’ Añahare’ay. 9 Anovoño asa ondatio, hifanehafa’ iareo
tsy hitsanom-bolam-bande.

10 Aa le niakatse mb’eo o mpanao bozizio naho o mpisari’ ondatioo, nanao ty hoe
am’ondatio, Hoe t’i Parò, Tsy hitolorako ahetse. 11 Akia, atontono ahetse amy ze
hahatendreha’ areo, fe tsy haketrake ty fitoloña’ areo. 12 Aa le fonga niparaitak’
an-tane Mitsraime ao ondatio nanontone tain-ava hasolo i bokay. 13 Tinaentae’ o
mpanao bozizio ka ami’ty hoe, Henefo ty fitoloña’ areo lomoñandro ho mira amy
fasiañ’ ahetse teoy. 14 Finofoke ka o talèm-pitoloña’ o ana’ Israele najado’ o mpanao
bozizi’ i Paròo am’ iareoo, ami’ty hoe, Akore te tsy nihenefa’ areo anindroany naho
omale ty lili’areo amo birike manahake te taoloo?

15 Aa le niheo mb’amy Parò mb’eo o talè ana’ Israeleo nitoreo ty hoe, Ino ty anoa’o
hoe zao o mpitoro’oo? 16 Tsy ho toloraññe boka o mpitoro’oo, fa hoe iereo ama’ay,
Mañamboara birike! Hehe te finofoke zahay vaho manao hakeo ondati’oo. 17 Hoe re,
Mikopiso avao ty tembo retia, zay ty atao’ areo ty hoe, Angao hisoroñe amy IEHOVÀ.
18 Akia, arè, mitromaha fe tsy homeañe ahetse vaho mbe hasese’ areo ty anjara’
birike. 19 Nirendre’ o talè, ana’ Israeleo, t’ie am-poheke amy saontsi’ey, ty hoe, Tsy
haketra’ areo ty anjara birike lomoñandro. 20 Ie nienga i Parò, le nifanjò amy Mosè
naho i Aharone nijohañe ey hifanalaka am’iereo, 21 vaho hoe ty nanoa’ iareo, Ee t’ie
ho vazohoe’ IEHOVÀ naho hizaka! Akore ty nañaimboa’ areo anay am-pihaino’ i Parò
naho am-pihaino o mpitoro’eo, hanoloraññe fibara am-pità’ iareo hañohofa’e loza.

22 Nitolik’ am’ IEHOVÀ indraike t’i Mosè nanao ty hoe, Ry Talè, akore ty fanilofañe
ondaty retoañe? Ino o namantoha’o ahio? 23 Fa boak’ ami’ty niheovako amy Parò
hivolañe amy tahina’oy, le nanoe’e samporerake ondaty retoa vaho tsy rinomba’o
ondati’oo.

# 6

*Ty amy Famotsorañe o ana’ Israeleo*

1 Aa le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Mahaoniña henaneo ty hanoako amy Parò. Eka,
fitàñe maozatse ty hampienga'e iareo, sirañe fatratse ty handroaha'e an-tane'e.
2 Mbe nitsara amy Mosè t'i Andrianañahare nanao ty hoe: Zaho IEHOVÀ, 3 ty
niboak' amy Avrahame naho am' Ietsàke naho amy Iakòbe ami'ty hoe El-Sadai*,
fe tsy nitoñom-batañe am'iareo ami'ty hoe: IEHOVÀ'†. 4 Toe norizako am' iereo ty
fañinako, hanolorako ty tane Kanàne, i tane fañaveloa' iareo toe nañialoa' iareo. 5 Fe
tsinanoko ty fiñeoñeo' o ana' Israeleo ty amy fañondevoza' o nte-Mitsraimeoy vaho
nitiahiko i fañinakoy. 6 Anò ty hoe arè amo ana' Israeleo: Zaho IEHOVÀ, le havotsoko
boak' ambane' ty fampijinia' o nte-Mitsraimeo naho habalako o fandrohizañeo vaho
ho jebañeko an-tsira natora-kitsy, an-jaka ra'elahy. 7 Ho rambeseko h'ondatiko vaho
ho Andrianañahare' areo raho. Ho fohi' areo te zaho IEHOVÀ Andrianañahare' areo,
ty mampienga anahareo ami'ty fampijinia' o nte Mitsraimeo. 8 Le hendeseko mb'
an-tane nañonjonako sirañe hanolorako aze amy Avrahame naho am' Ietsàke vaho
am' Iakòbe añe; le hatoloko anahareo ho fanañañe, Zaho IEHOVÀ. 9 Le nisaontsy amo
ana' Israeleo t'i Mosè, fa tsy nihaoñe' iareo t'i Mosè, ty amy fikoretan' arofo naho i
fampisoañam-pañondevozañey.
10 Aa hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, 11 Akia, saontsio t'i Parò, mpanjaka' i Mitsraime
hampiavota'e an-tane'e o ana' Israeleo. 12 Aa hoe ty asa' i Mosè am' IEHOVÀ, Kanao
tsy nañaoñe ahiko o ana' Israeleo, akore ty hijanjiña' i Parò, zaho aman-tsoñy tsy
nisavareñe? 13 Aa le nitsara amy Mosè naho i Aharone t'IEHOVÀ, nanolotse lily ho
amo Ana' Israeleo naho ho amy Parò mpanjaka' i Mitsraime, hampiavotañe an-tane
Mitsraime ao o ana' Israeleo.

### *Ty Toñon-draza' i Mosè naho i Aharone*

*Fot 46.8-27*

14 Inao o talèn' anjomban-droaeo: o ana' i Reòbene, tañoloñoloña' Israeleo: i
Kanòke naho i Palò naho i Ketsròne vaho i Karemý; irezay ro fifokoa' i Reòbene.
15 O ana' i Simoneo: Iemoèle naho Iamìne naho i Ohade naho Iakìne naho i Tsòkare
vaho i Saòle ana' ty rakemba nte-Kanàne; ie ro fifokoa' i Simone. 16 Irezao ka o
tahinan' ana' i Levio ty amo fifokoa'eo: i Geresòne‡ naho i Kehàte vaho i Merarý; le
ni-zato tsy telopolo fito amby taoñe ty halava havelo' i Levy. 17 O ana' i Geresoneo:
i Libný naho i Semý, amo fifokoa'eo. 18 O ana' i Kehàteo: i Amràme naho Iitshàre
naho i Kebrone vaho i Ozièle le ni-zato-tsi-telopolo-telo amby ty taon-kavelo' i Kehàte.
19 O ana' i Merarìo: i Maklý naho i Mosý, ie ro fifokoa' i Merarý hasavereña' i Levý.
20 Nañenga' Iokèbede rahavaven-drae'e t'i Amrame vaho nahatoly i Aharone naho
i Mosè, le niveloñe zato-tsi-telopolo taoñe fito amby t'i Amrame. 21 O ana' Iitshàreo:
i Koràke, i Nèfege vaho i Zikrý. 22 O ana' i Ozièleo, i Misaèle naho i Elitsafàne vaho
i Sitrý. 23 Nañenga i Elisèbae ana' i Aminadabe, rahavave' i Naksòne t'i Aharone le
nisamaha'e i Nadabe naho i Abihò, i Elazare vaho Itamare. 24 O ana' i Korakeo: i
Asire naho i Elkanà vaho i Abiasàfe; ie ro hasavereña' o nte-Koràkeo. 25 Nañenga
amo ana' i Potièleo t'i Elazare ana' i Aharone, le nisamaha'e t'i Pinekase§. Ie ro
anjomban-droae' o nte-Levio amo fifokoa'eo.
26 Ie i Aharone naho i Mosè nitsarà' IEHOVÀ ty hoe, Ampiengao an-tane Mitsraime
ampoko-ampoko o ana' Israeleo. 27 Ie ro nisaontsy amy Parò mpanjaka' i Mitsraime
hampiavotse o ana' Israeleo an-tane Mitsraime, toe i Mosè naho i Aharone zay.

### *Ie Mañeneke ty Linilin'Añahare*

28 Ie amy andro nitsarà' IEHOVÀ amy Mosè an-tane Mitsraimey, 29 le nanao ty hoe
amy Mosè t'IEHOVÀ: Zaho IEHOVÀ, hene saontsio amy Parò mpanjaka' i Mitsraime ze

---

* **6:3** Andriampañotroñe, kila lefe'e † **6:3** Heb: i, he, o ndra v, he: IEHOVÀ ‡ **6:16** Ndra: Gersome : ambahiny atoy § **6:25** Pinekase: amam-binta mirearea

taroñeko ama'o. 30 Aa hoe t'i Mosè añatrefa' IEHOVÀ, Ino ty hijanjiña' i Parò ahiko,
zaho aman-tsoñy tsy afa-boiñeo?

# 7

1 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Hehe t'ie najadoko ho fanalolahy amy Parò, vaho ho
mpitoki'o t'i Aharone rahalahi'o. 2 Hene isaontsio ze taroñeko ama'o, le i Aharone
rahalahi'o ty hisaontsy amy Parò hampiavote'e an-tane'e o ana' Israeleo. 3 Fe ho
gàñeko hey ty arofo' i Parò hampitomboako an-tane Mitsraime ao o vilokoo naho o
halatsàko. 4 Toe tsy hañaoñe anahareo t'i Parò, le hapaoko amy Mitsraime ty tañako
vaho hampiavoteko an-tane Mitsraime an-jaka ra'elahy o valobohòkoo, ondatikoo, o
ana' Israeleo. 5 Ho fohi' o nte-Mitsraimeo te Zaho IEHOVÀ, naho ahitiko amy Mitsraime
ty sirako hampiavoteko boak' am' iereo ao o ana' Israeleo. 6 Aa le nanoe' i Mosè naho
i Aharone; ze nandilia' IEHOVÀ iareo ty nanoe' iereo. 7 Ni-valom-polo taoñe t'i Mosè
naho aman-taoñe valom-polo-telo' amby t'i Aharone t'ie nisaontsy amy Parò.

### *I Kobay Tsitantaney*
*4.1-5*

8 Hoe ty tsara' IEHOVÀ amy Mosè naho i Aharone, 9 Ie anoa' i Parò ty hoe, Ampiboaho
raha tsitantane, le hoe ty ho asa'o amy Aharone, Rambeso ty kobai'o vaho afetsaho
añatrefa' i Parò hinjarea'e fañaneñe. 10 Aa le nimb' amy Parò mb'eo t'i Mosè naho
i Aharone, le nanoe' iereo i nandilia' IEHOVÀy; nafetsa' i Aharone añatrefa' i Parò
naho aolo' o mpitoro'eo i kobai'ey vaho ninjare bajy. 11 Kinai' i Parò amy zao ondaty
mahihitseo naho o mpamorekeo vaho nitoloñe an-tsahàtse o ambiasa' i Mitsraimeo.
12 Songa nañifi-kobaiñe ambane eo vaho ninjare mereñe, le sindre natele' ty kobai' i
Aharone o kobai' iareoo. 13 Fe nihagàñe avao ty arofo' i Parò, tsy hinao'e iareo, amy
nitsarae' IEHOVÀy.

### *1. Nampañovaeñe ho lio ty rano*

14 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, gañe ty arofo' i Parò; ie mifoneñe tsy hampienga
ondatio. 15 Aa le akia, mb' amy Parò mb'eo maraindray t'ie miavotse mb'an-drano
mb'eo, le tintino am-pità'o i kobaiñe nampanjarieñe fañaneñey, 16 le isaontsio ty hoe,
Nañirak' ahy homb' ama'o mb' etoa t'IEHOVÀ, Andriananañahare' o nte-Evreo hinday o
entañe zao: Apoho hañavelo ondatikoo, hitoroñe ahy am-patrambey añe. Inao t'ie
mbe tsy nañaoñe pake henane. 17 Aa hoe ty nitsarae' IEHOVÀ, Zao ty hahafohina'o
te zaho IEHOVÀ. Inao, havangoko amo rano amy sàkaio ty kobaiñe an-tañako toy,
hiova'e ho lio. 18 Ho mate ze fiañe amo sàkao le hitrotròtse i sàkay vaho hampangorý
o nte-Mitsraimeo ty hinon-drano amy sàkay. 19 Aa hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Saontsio
t'i Aharone, Rambeso o kobai'oo le ahitio ambone' o rano' i Mitsraimeo ty fità'o,
ambone' o saka'eo naho o talaha'eo naho o sihana'eo vaho ze hene kiantara-antaran-
drano'e, hiova'e ho lio, le lio avao ty hanitsike ty tane Mitsraime, ndra an-tsajoa hatae
ndra am-bato.
20 Nanoe' i Mosè naho i Aharone hambañe amy nandilia' IEHOVÀy. Naonjo'e am-
pahaisaha' i Parò naho o mpitoro'eo i kobai'ey vaho trinàbo'e ty rano amy sakay, le
niova ho lio ze hene rano amy sakay; 21 nimate o fiañe amy sakaio, le nañantifofotse
i sakay naho tsy nahay nikama ty rano' i sàkay o nte-Mitsraimeo fa nitsitsike lio ty
tane Mitsraime. 22 Fe tsinikombe' o ambiasa' i Mitsraimeo an-tsahàtse, le nihagàñe
ty arofo' i Parò naho nihiritsirita'e, ty amy nitsarae' IEHOVÀy. 23 Te mone nitolike t'i
Parò, nimoak' añ'anjomba'e ao, tsy nihaoñe' ty arofo'e i raha zay. 24 Aa le fonga
nihaly vovoñe añ'olo' i sàkay o nte-Mitsraimeo, fa tsy nimete nòmeñe ty rano' i
sàkay.

### *2. Sahoñe*

[25] Ie nimodo ty fito andro le nipaoha' IEHOVÀ i sàkay, [26] le nitsara amy Mosè
t'IEHOVÀ, Akia miheova mb' amy Parò mb'eo vaho ano ty hoe ama'e, Hoe ty tsinara'
IEHOVÀ: Ampiavoto ondatikoo, hitoroñe ahiko. [27] Aa ie mitoky, tsy hampienga, le inao,
ho tsitsifeko sahoñe o tane'oo. [28] Hifamorohotse amy Nailey o sahoñeo. Hiakatse
boak'ao hizilik' añ' anjomba'o ao naho an-traño firota'o ao naho am-pandrea'o
ao naho añ' anjomba' o mpitoro'oo naho amo ondati'oo naho amo fanokona'oo
vaho amo finga fitroboan-kobao. [29] Hanganik' ama'o naho am'ondati'oo vaho amo
mpitoro'oo o sahoñeo.

# 8

[1] Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Saontsio t'i Aharone, Ahitio ambone' o torahañeo
naho o talahao vaho o antarao ty fità'o rekets' i kobai'oy hampiakatse o sahoñeo
mb'an-tane Mitsraime mb'eo. [2] Aa le natora-kitsi' i Aharone ambone' o rano' i
Mitsraimeo ty fità'e vaho nitroatse mb'an-tamboho mb'eo o sahoñeo nanafotse ty
tane Mitsraime. [3] Fe tsinikombe' o ambiasao amo sahà' iareoo, le nañakatse sahoñe
an-tane Mitsraime ka.
[4] Nikanjie' i Parò t'i Mosè naho i Aharone le nanao ty hoe: Mihalalia am'IEHOVÀ
te hakareñe amako naho am' ondatikoo o sahoñeo vaho hengako homb'eo ondatio
hisoroñe am' IEHOVÀ.
[5] Hoe ty Mosè amy Parò, Inao ty engeñe atoloko azo: Ombia ty hihalaliako ho
azo naho o mpitoro'oo naho ondati'oo te hasoike ama' areo vaho añ' anjomba'
areo o sahoñeo, hampipoke iareo amy sàkay avao? [6] Le hoe re, Hamaray. Hoe
t'i Mosè, Ie o sinaontsi'oo! Hahafohina'o te tsy amam-pañirinkiriñe aze t'IEHOVÀ
Andrianañahare'ay. [7] Ie misitak'azo naho o anjomba'oo naho o mpitoro'oo naho
ondati'oo, le hidok' amy sàkay avao. [8] Nienga i Parò amy zao t'i Mosè naho i Aharone
vaho nikaike IEHOVÀ t'i Mosè ty amo sahoñe nitsobore' i Paròo. [9] Le nanoe' IEHOVÀ
i nihalalie' i Mosèy, nimate añ' anjomba ao o sahoñeo naho an-kiririsa ey naho an-
tetek' ao. [10] Aa le natonto' iareo an-kivotri-kivotry ampara' te nitrotròtse i taney.
[11] Aa naho nioni' i Parò t'ie nikepake le nampientetse arofo, nihiritsiritse am' iereo,
ty amy nitsara' IEHOVÀy.

### *3. Boròm-pìhetse*

[12] Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Anò ty hoe t'i Aharone, Ahitio o kobai'oo vaho
paoho ty lembo' o taneo, hanjaria'e boròm-pìhetse hanitsike ty tane' i Mitsraime.
[13] Nanoe' iereo; nahiti' i Aharone ty fità'e reke-kobaiñe vaho pinao'e ty debo' i taney,
le nirodañe am' ondatio naho amo hàreo ty boròm-pìhetse, ze atao debok' an-tane
eo fonga ninjare boròm-pìhetse nanitsike ty tane Mitsraime. [14] Nimanea' o ambiasao
ty hañakatse boròm-pìhetse amo sahà' iareoo fe tsy nahalefe. Nipetak' am'ondatio
naho amo hareo o boròm-pìhetseo. [15] Le hoe o ambiasao amy Parò, Rambom-pitàn'
Añahare toy! fe nihagàñe avao ty arofo' i Parò le tsy nihaoña'e, ty amy tsara' IEHOVÀ.

### *4. Laletse*

[16] Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Mañaleñaleña le mijohaña añatrefa' i Parò, t'ie
miavotse mb'an-drano mb'eo vaho ano ty hoe, Hoe ty tsinara' IEHOVÀ: Angao hiavotse
mb'eo ondatikoo hitalaho amako. [17] Aa hera tsy hengà'o homb'eo ondatikoo, le
haropako ama'o ty laletse mifamorohotse naho amo mpitoro'oo naho am'ondati'oo
naho añ'anjomba' areo ao, le hifamorohotse añ' anjomba' o nte-Mitsraimeo o laletseo
vaho an-tane ijohaña' iareo. [18] Fe haviko amy andro zay ty tane Gosena imoneña'
ondatikoo, tsy hiropahan-daletse, hahafohina'o te añivo ty tane atoy raho, IEHOVÀ.
[19] Eka, hampijadoñako jebañe añivo' ondatikoo naho ondati'oo. Hipoteake maray
i viloñe zay. [20] Nanoe' IEHOVÀ, le havasiañan-dale-dero ty nifoak' añ' anjomba' i

Parò naho añ’ anjomba’ o mpitoro’e iabio; vaho hene nampiantoe’ i fifamorohotan-
daletsey ty tane Mitsraime.
21 Kinoi’ i Parò amy zao t’i Mosè naho i Aharone le nanao ty hoe, Akia, misoroña
aman’ Añahare’ areo an-tane atoy. 22 Aa hoe t’i Mosè, Tsy mete t’ie hanoe’ay fa
sirika amo nte-Mitsraimeo o fisoroña’ay am’ IEHOVÀ Andrianañahare’aio. Aa naho
isoroña’ay am-pahaisaha’ o nte-Mitsraimeo ty raha tiva, tsy ho fetsahe’ iareo vato
hao? 23 Hañavelo telo andro mb’ am-patrambey añe zahay, hisoroñe am’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ay, amy ze hitsarae’e ama’ay. 24 Aa le hoe t’i Parò, Hengako hiavotse
mb’ am-patrambey ao nahareo hisoroñe am’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo naho tsy
loho lavitse ty añaveloa’ areo. Mihalalia ho ahiko. 25 Le hoe t’i Mosè, Vata’e mienga
azo raho le hihalaly am’ IEHOVÀ te hasitake amy Parò naho amo mpitoro’eo vaho
am’ondati’eo hamaray o laletse mifamorohotseo le asoao tsy ho fañahie’ i Parò avao,
tsy hampienga’e hisoroñe am’ IEHOVÀ ondatio.
26 Aa le nienga i Parò t’i Mosè vaho nihalaly am’ IEHOVÀ. 27 Le nanoe’ IEHOVÀ i
nihalalie’ey: nafaha’e amy Parò naho amo mpitoro’eo naho am’ ondati’eo o laletse
nifamorohotseo, leo raike tsy napoke. 28 Le mbe nampientere’ i Parò ty arofo’e
henane zay, tsy nenga’e hiavotse ondatio.

# 9

*5. Angorosim-biby*

1 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Miziliha amy Parò ao le ano ty hoe, Hoe t’IEHOVÀ
Andrianañahare’ o nte-Evreo: Ampiengao ondatikoo hitoroñe ahy. 2 Aa naho tsy
apo’o hañavelo, fa mbe tambozore’o 3 le ingo ho amo hare’oo ty fità’ IEHOVÀ, amo
an-kivokeo, amo soavalao, amo borìkeo, amo ramevao, amo lia-raikeo naho amo
añombeo ty kolàñe mandrokènkañe. 4 Fe hampiambahe’ IEHOVÀ o hare’ Israeleo,
amo hare’ i Mitsraimeo, le ndra inoñ’ inoñ tsy ho mate amo ana’ Israeleo. 5 Nifotoañe’
IEHOVÀ ami’ty hoe, Hamaray ty hanoa’ IEHOVÀ i hoe zay an-tane atoy. 6 Aa le nanoe’
IEHOVÀ amy loak’androy; fonga niatantiry ty hare’ i Mitsraime, fe leo raik’ amo hare’
o ana’ Israeleo tsy nimate.
7 Nampañontane t’i Parò le nirendre’e te ndra raik’ amo haren’ ana’ Israeleo tsy
nimate; fe nientetse ty arofo’ i Parò vaho tsy nampiengae’e mb’eo ondatio.

*6. Bae-tovoa*
*Its 28.27*

8 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè naho amy Aharone, Songa mangalà lavenoke mahapea
fitàñe boak’ an-toñak’ ao le habobò’ i Mosè mb’ andikeram-beo am-pahaisaha’ i Parò;
9 le hinjare deboke era’ i tane Mitsraimey, le hampitovoañe bae mangorakorake amy
ze ondaty naho biby hanitsike an-tane Mitsraime. 10 Aa le nandrambe lavenok’ an-
toñak’ ao iareo naho nijohañe añatrefa’ i Parò naho nadoveve’ i Mosè an-tioke zay
vaho nampitovoañe bae am’ondatio naho amo bibio. 11 Tsy nahafijohañe añatrefa’
i Mosè o ambiasao ty amo baeo, fa nipetak’ amo ambiasao naho amo nte-Mitsraime
ila’eo ka o baeo. 12 Fe nampijadiriñe’ IEHOVÀ ty arofo’ i Parò vaho tsy nihaoña’e, amy
tsinara’ IEHOVÀ amy Mosèy.

*7. Ampiñe naho Havandra*

13 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Mañaleñalèña, le mijohàña añatrefa’ i Parò vaho anò
ty hoe, Hoe t’IEHOVÀ, Andrianañahare’ o nte-Evreo: Ampiengao ondatikoo, hitalaho
amako. 14 Aa ie henane zao, hahitriko an-tro’o ao naho amo roandria’oo vaho
amo ondati’oo ze hene tolom-boiñe amako, hahafohina’o te tsy eo ty mañirinkiriñe
ahy an-tane-bey atoy. 15 Aa naho nahitiko henaneo ty tañako, hipaok’ azo naho
ondati’oo ami’ty angorosy le ho naito an-tane atoy, 16 fe toe nadoko, soa te ihe ty

hampiboahañe ty haozarako le hanitsike ty tane toy ty fitaroñañe ty añarako. 17 Ie
amy zao, hiebotsebotse am' ondatikoo hao? tsy hampiengà'o. 18 Aa ie hamaray
hoe zao, le hampigadaboñeko ty havandra jabajaba te amy ze le lia'e tsy nizoeñe
e Mitsraime ao mifototse ami'ty andro nañorizañe aze pake henaneo 19 Mampihitrifa
arè, le ampipaliro ze hare'o naho ze raha'o an-kivok' ao, fa hivalenkañe ze ondaty
ndra biby zoeñe an-diolio ey tsy nampolieñe, t'ie idoindoiña' i havandray. 20 Ze
mpitoro' i Parò nihembañe amy tsara' IEHOVÀy, songa nihenekeneke nampipalitse
o mpitoro'eo naho o hàre'eo. 21 Aa ze tsy nañaoñe ty tsara' IEHOVÀ ka, le nado'e
an-kivok' añe avao o mpitoro'eo naho o hàre'eo.

22 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ahitio mb' andikerañe ey ty fità'o hampiponake
havandra era' ty tane Mitsraime, amy ze ondaty naho biby vaho ze hene hatae an-
kivok' ey, an-tane Mitsraime ao. 23 Aa le nampitakare' i Mosè mb' andikerañey ty
kobai'e le nampidoindoiñe' IEHOVÀ ty àmpiñe naho havandra vaho nirifatse mb'an-
tane mb'eo ty afo. Le nampigadabòñe' IEHOVÀ havandra ty an-tane Mitsraime
ao; 24 havandra nibilobiloen-kelatse añivo'e ao, figadabon-kavandra mbe lia'e tsy
nideboñe an-tane Mitsraime ao sikal' amy te nififeheañe. 25 Zinama' i havandray ze
hene an-tameañe an-tane Mitsraime ao ndra ondaty ndra hare; fonga navitavita'e
ze rongoñe a montoñe ao vaho fonga pinozapoza'e o hatae an-kivokeo. 26 Fe tsy
nipaohen-kavandra o Ana' Israeleo an-tane Gosenao.

27 Aa le kinoi' i Parò t'i Mosè naho i Aharone le nanoa'e ty hoe, Toe nandilatse raho
henaneo; IEHOVÀ ro vantañe vaho aman-tahin-draho naho ondatikoo. 28 Mihalalia
am' IEHOVÀ! Ampihankaño o hotroke naho havandran' Añahareo! Le hampiengako,
le tsy hampitambatse anahareo ka. 29 Hoe t'i Mosè ama'e, Ie vata'e miakatse ty rova
toy le hahitiko mb' am' IEHOVÀ o tañakoo vaho hijihetse i àmpiñey le tsy ho eo i
havandray, haharendreha'o te a IEHOVÀ ty tane toy. 30 Fa ihe naho o mpitoro'oo,
apotako te mboe tsy mañeveñe am' IEHOVÀ Andrianañahare avao. 31 (Ie amy zao, fa
nianto iaby ty *vare-leny naho ty vare-hordea, fa niregorego i hordeay vaho namòñe
i vare-leniy. 32 Fe tsy nijoieñe ty vare-bolè naho ty bolè-lahi'e fa malaom-pitovoañe.)
33 Aa le niavotse boak' amy Parò t'i Mosè, niakatse i rovay. Nahiti'e mb' amy IEHOVÀ
o fità'eo le songa nijihetse i àmpiñey naho i havandray vaho tsy nampikojojoahañe
an-tane i orañey. 34 Aa vata'e nioni' i Parò te nijihetse i orañey naho i havandray
naho i àmpiñey le mbe nanovon-kakeo; nampigañe'e ty arofo'e, ie naho o mpitoro'eo.
35 Aa le niha-jadiriñe ty arofo' i Parò le tsy nampiengae'e o ana' Israeleo, amy tsinara'
IEHOVÀ amy Mosèy.

# 10

*8. O Valalao*
*Joe 1.2-4*

1 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Akia mb' amy Parò mb'eo, amy te nampigañeko ty
arofo'e naho ty tro' o mpitoro'eo, hampipohako añivo' iareo ao o viloko retoañe,
2 hahafitalilia'o amo ana'oo naho amo àfe'oo o raha nanoeko e Mitsraimeo naho o
viloñe nitoloñeko añivo' iereoo, hahafohina' areo te zaho IEHOVÀ.

3 Aa le niheo mb'amy Parò mb'eo t'i Mosè naho i Aharone, le nanao ty hoe ama'e,
Hoe ty tsara' IEHOVÀ, Andrianañahare' o nte-Evreo, Pak' ombia ty mbe hitokia'o
tsy hirèke añatrefako? Ampiengao ondatikoo hitoroñe ahiko. 4 Fa naho mifonen-
drehe tsy hampiavotse ondatikoo, le hampivotrahako valala ty an-tane' areo etoy te
maray. 5 Ho kopofe'e ty maso' i taney tsy hahaisaha' iaia o taneo, le habotse'e ty sisa

* 9:31 Vare-leny: karaza'bare ahazoañe fole leny

nahafipoliotse, o nasisa’ i havandraio vaho havorembore’e ze hatae’areo mamoa an-
kivoke ey. 6 Hatsefe’e o anjomba’oo naho o anjombam-pitoro’eo naho ty a o hene
nte-Mitsraimeo, ie mboe tsy niisan-droae’o ndra o roaen-droae’oo mifototse ami’ty
andro naha-tan-tane atoy iareo pake henaneo. Nitolik’ amy zao re nienga i Parò.

7 Hoe o mpitoro’’ i Paròo ama’e, Pak’ ombia t’ie mbe ho fandrik’ amantika?
Ampiengao ondatio hitoroñe IEHOVÀ Andrianañahare’e; mbe tsy rendre’o hao te
mianto t’i Mitsraime? 8 Aa le nampibaliheñe mb’amy Parò mb’eo t’i Mosè naho i
Aharone vaho hoe re tama’e, Akia, toroño t’IEHOVÀ Andrianañahare’ areo! Le ia
naho ia ty homb’eo? 9 Hoe t’i Mosè, Hindre lia ama’ay o keleia’aio naho o bei’aio;
rekets’ o ana-dahi’aio naho o anak’ampela’aio vaho hitraok’ ama’ay o mpirai-lia’aio
naho o añombe’aio, hanoe’ay sabadidak’ am’ IEHOVÀ. 10 Hoe re tam’ iereo, Toe
hitahy anahareo t’IEHOVÀ naho hengako hindre lia ama’ areo o keleia’ areoo! Hehe ty
fikitrohan-draty aolon-dahara’ areo. 11 Aiy avao! O lahilahio avao ty hañavelo mb’eo
henaneo hitoroñe IEHOVÀ, fa zay ty nipaia’ areo. Le sinoike mb’eo iereo hidisak’
ami’ty fiatrefañe i Parò.

12 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Ahitio ambone’ o tane Mitsraimeo ty fità’o, hivotraha’
o valalao, hipetaha’ iareo an-tane Mitsraime, hampibotseke ze he’e mitiry an-tane eo,
ze nisisa’ i havandray. 13 Aa le nahiti’ i Mosè ambone’ tane Mitsraime i kobai’ey vaho
ninday tiok’ atiñanañe amy taney amy lomoñàndroy naho amy haleñe iabiy t’IEHOVÀ;
ie nanjirike i àndroy le fa nonjone’ i tiok’ atiñanañey mb’eo o valalao. 14 Le nionjoñe
nanitsike ty tane Mitsraime o valalao, nandrambañe ty fifaritsoha’ i Mitsraime ty
nipetaha’ iareo, nitozantozañe; mboe lia’e tsy nizoem-pifamorohotam-balala hoe zay
vaho tsy ho zoeñe ka. 15 Natsahe’e ty maso’ i taney, le nikò-maieñe i taney; naho
fonga nabotse’e ze niniñaniña amy taney naho ze voan-katae nisisa’ i havandray
vaho tsy nanisa raha antsetra an-katae ndra an-drongoñe an-kivoke ndra aia’aia an-
tane Mitsraime ao iaby. 16 Kinoi’ i Parò amy zao t’i Mosè naho i Aharone le nanao ty
hoe, Toe nanao hakeo amy IEHOVÀ Andrianañahare’ areo naho ama’ areo raho. 17 Aa
le miambane ama’o ty hiheve ami’ty henane toy i hakeokoy vaho halalio am’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo te hafahañe amako ty fihomahañe toy avao. 18 Nienga i Parò
re, nihalaly am’ IEHOVÀ; 19 Nafote’ IEHOVÀ i tiokey ho tio-bey hirik’ ahandrefañe;
nongaha’ i tiokey o valalao vaho sinoi’e mb’amy Riam-Binday añe; leo raike amo
valalao tsy napoke an-tane Mitsraime ao iaby. 20 Fe nampientere’ IEHOVÀ ty arofo’ i
Parò, le tsy nampiengae’e mb’eo o ana’ Israeleo.

### *9. Haieñe*

21 Aa le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Ahitio mb’andikeram-b’eo ty fità’o hañatseke
ty hamoromoroñe an-tane Mitsraime ao, ieñe mete tsapaeñe. 22 Aa le nahiti’ i
Mosè mb’andindìñey ty fità’e, le nandrambañe ty tane Mitsraime telo andro ty
hamoromoroñe. 23 Songa tsy nahay nifañisake, naho sindre tsy naha-ongake telo
andro amy nidona’ey; fe amo hene ana’ Israeleo le nazava amo kiboho’ iareoo. 24 Aa
le kinoi’ i Parò t’i Mosè nanao ty hoe, Akia, toroño t’IEHOVÀ. Fe apoho atoy o lia-rai’
areoo naho o mpirai-tro areoo. Mete hindre ama’o o keleia’ areoo. 25 Aa hoe t’i Mosè,
Tsi-mete tsy hatolo’o ty hisoroñañe naho ty ho èngan-koroañe, hañalankaña’ay ho
am’ IEHOVÀ Andrianañahare’ay. 26 Aa le hindre lia ama’ay o hare’aio; leo tombo’e
raike tsy hapo’ay, fa hendese’ay hitoroñe IEHOVÀ Andrianañahare’ay, tsy apota’ay te
inoñe ty hitoroña’ay IEHOVÀ naho tsy fa pok’añe. 27 Fe nampigañe’ IEHOVÀ ty arofo’
i Parò vaho tsy nisatrie’e ty hampienga iareo. 28 Le hoe ty Parò tama’e, Soik’ añe!
Misitaha amako! Mitaoa tsy ho isa’o ka ty tareheko, fa amy andro hahaisaha’o azey
ty hihomaha’o. 29 Hoe ty Mosè, Soa i saontsi’oy! Tsy ho treako ka o lahara’oo.

# 11

*Hatahata ami'ty Tolom-boiñe Fara'e*
*Avo. 3.21-22; 12.35-60*

1 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ho tovoñako feh'ohatse raike amy Parò naho i Mitsraime,
zay vaho hapo'e hienga nahareo, eka, hampiavote'e vaho vata'e hatao'e soike.
2 Saontsio an-dravembia ondatio te songa hihalaly, sindre ondaty amo mpirai-
tanañe ama'eo, fanake volafoty naho fanake volamena. 3 Toe nampañisohe' IEHOVÀ
ampahaisaha' o nte Mitsraimeo ondatio. Mbore nilahitsiay an-tane Mitsraime ao t'i
ondaty Mosè am-pihaino' o mpitoro'' i Paròo naho ampahaisaha'ondatio.

4 Hoe t'i Mosè, Inao ty tsara' IEHOVÀ, Hiakatse petsakalen-dRaho haneñateña i
Mitsraime. 5 Le fonga hivetrake ze hene valohan' anak' an-tane Mitsraime ao, boak'
amy tañoloñoloña' i Parò mpiambesatse am-piambesam-panjaka'ey, pak' ami' ty
tañoloñoloñan' ondevo ampela amboho' i fandisanañey vaho ty valohan' anan-kare.
6 Hanitsike ty tane Mitsraime ty fikoaihañe mbe lia'e tsy ni-añ' ohatse vaho le lia'e tsy
hanahafañe ka. 7 Fe amo ana' Israeleo, le tsy hihiake ama'ondaty ndra aman-kare ty
amboa, hahafohina' areo te ampiambahe' IEHOVÀ amy Mitsraime t'Israele. 8 Ie amy
zay hizotso mb'amako o mpitoro'o retoañe hibokoboko amako hanao ty hoe, Miengà
anay, ihe naho ze hene ondaty am-pandia'o. Zay raho vaho hiavotse, le nienga i Parò
am-piforoforoan-keloke.

9 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Tsy hañaoñe azo t'i Parò soa te hampitomboañe an-tane
Mitsraime ao o halatsàñe hanoekoo.

10 Nanoe' i Mosè naho i Aharone añ' atrefa' i Parò i hene raha tsitantane rezay; fe
nampientere' IAHOÉ ty arofo' i Parò vaho tsy nampiengae'e an-tane'e o ana' Israeleo.

# 12

*Ty Pèsake Valoha'e*
*Vol 9.1-14; Ezek 45.21-25*

1 Hoe ty tsara' IEHOVÀ amy Mosè naho Aharone an-tane Mitsraime ao: 2 Hatao'
areo fifotoram-bolañe ty volañe toy; ie ty hatao' areo valoham-bolan-taoñe. 3 Aa
le tseizo amy valobohò' Israeley te, amy fahafolo' ty volañe toy, songa handrambe
ty vi'e ho añ'anjomban-drae'e ze lahilahy, ty vi'e ze hasavereñañe. 4 Aa naho loho
kede te ami'ty vi'e raike ty hasavereñañe, le hangala'e raike hatraok' amo marine' i
anjomba'eio ty ami'ty ia' ondaty, ze hahafikamà' ondatio ty hamolilia'o ty vi'e. 5 Tsy
hanan-kandra i vi'ey; lahi'e an-tao'e valoha'e ty ho rambeseñe ke amo añondrio
he amo oseo. 6 Ho tana'o pak' ami'ty andro fahafolo-efats' ambi' i volañey; le
songa hamono ty aze amy folak' àndroy* ze amy valobohò' Israele. 7 Handrambesa'
iareo ty lio'e vaho hafitse ami'ty lahindalañe roe naho ami'ty ambone' ze anjomba
ikamañe azey. 8 Ho kamae' iereo amy haleñey i hena natono añ'afoy naho ty mofo
po-dalivay, le ampitraofo àña-mafaitse t'ie kamaeñe. 9 Tsy ho kamaeñe manta, tsy
ho sambaiheñe, fa atono añ' afo ty loha'e naho o tombo'eo vaho o aova'eo. 10 Tsy ho
sisaeñe ami'ty maraiñe; fa fonga horoañe amy maraiñey ze sisa. 11 Zao ty hikama'o
aze: misikiñe ty vania'o, mihana o fandia'oo naho am-pità'o ty kobaiñe; le ikamañe
masika. I Fihelañ'Ambone†' IEHOVÀ zay. 12 Fa hiranga an-tane Mitsraime raho te
haleñe, le ho lihiñeko kàboke ze valohan' anak' an-tane Mitsraime ao ndra ondaty
ndra hare vaho hametsake zaka amo ndrahare' i Mitsraimeo: Zaho IehovÀ. 13 Viloñe
ho anahareo amo anjomba' imoneña' areoo i lioy; aa naho treako ty lio, le hiary
ambone' areo raho vaho tsy ho zevoñe' ty angorosy te lihiñeko ty an-tane Mitsraime.

* 12:6 Folakandro do'e: añivo' i mandialohay naho i tsofots'androy; † 12:11 Ndra: Pèsake

14 Ho andro faniahiañe anahareo ty andro toy. Hambena' areo ho sabadidak' am'
IEHOVÀ; amo hene tarira' areoo ty hañambena' areo aze ho fañè tsy modo nainai'e.
15 Fito andro ty hikamà' areo mofo po-dalivay; le fonga hafaha' areo añ' anjomba'
areo ze atao lalivay aolo' i andro valoha'ey; amy t'ie mikama lalivay amy andro
valoha'ey pak'ami'ty andro faha-fito, le haitoañe am' Israele indatiy. 16 Amantaño
fivory miavake i andro valoha'ey, le fivory miavake ho anahareo ka i andro fahafitoy,
le tsy mitoloñe ndra inoñ'inoñe amy andro rey naho tsy ty amy ho kamaeñe: zay
avao ty ho fitoloña' areo. 17 Ambeno i sabadidake mofo po-dalivaiy amy t'ie ty andro
nampiengàko amy Mitsraime i valobohò' areoy: aa le hambena' areo amo hene tarira'
areoo ty andro toy ho fañè tsy modo kitro añ'afe'e. 18 Amy volam-baloha'ey, amy
andro faha folo-efats'ambi' i volañeiy naho hariva, ty hikama' areo mofo po-dalivay
pak' ami'ty hariva' i andro faha-roapolo-raik' ambiy. 19 Fito andro te tsy hanjoan-
dalivay ty añ' anjomba' areo ao, amy t'ie mikama raha nanoen-dalivay ro haitoañe
amy valobohò' Israeley indatiy, ndra t'ie mpañialo ndra te nitoly amy taney. 20 Tsy
hikama raha aman-dalivay fa mofo po-dalivay ty ho kamae' areo amo hene akiba'
areoo.
21 Aa le fonga kinoi' i Mosè o roandria' Israeleo, nanoa'e ty hoe, Añakaro vi'e le
andrambeso ty amo hasavereña' areoo vaho lentao i Fihelañ' amboney. 22 Rambeso
ty tsampan-tseva‡, le aloño amy lio am-panakey naho afitsezo an-dahin-dalañe roe
eo naho an-tokonañe ambone eo i lio am-panakey vaho tsy ia ty hiakatse an-dalañ'
anjomba'e ampara' te maray. 23 Amy te hitoañe mb'eo t'IEHOVÀ hanjevoñe o nte-
Mitsraimeo; aa ie mahavazoho ty lio amy tokonañe amboney naho amy lahindalañe
roe rey, le hiary ambone' i lalañey t'IEHOVÀ vaho tsy henga'e hizilik' an-kiboho' areo
ao i mpandrotsakey hanjevoñe.
24 Hambena' areo nainai'e zay ho fañè tsy modo ama'o naho amo tarira'oo. 25 Ie
mivotrake an-tane hatolo' IEHOVÀ anahareo ty amy tsara'ey le ho henefe' areo ty
fitoroñañe toy. 26 Aa naho añontanea' o ana' areoo ty hoe: Ino ty fitoroñ'areo toy?
27 Le hanoa' areo ty hoe, Ie ty fisoroñañe i Fiariañ' Ambone' IEHOVÀy, amy t'ie niary
ambone' o kibohon' ana' Israele e Mitsraimeo naho zinevo'e o nte-Mitsraimeo vaho
nado'e o kibohon-tikañeo. Aa le niondreke ondatio, nitalaho.
28 Nimb'eo o ana' Israeleo nanao hambañe amy nandilia' IEHOVÀ i Mosè naho i
Aharoney; zay ty nanoe' iareo.

### *10. Ty Fihomaha' o Valohan'anakeo*
### *Avo. 11.1-10*

29 Ie petsakaleñe, le linihi' IEHOVÀ ze hene valohan' anak' an-tane Mitsraime
ao, mifototse amy tañoloñoloña' i Parò niambesatse amy fiambesam-pifehea'ey
pak'ami'ty mpirohy amy nampigabeñañe azey naho ze valohan' anan-kàre iaby.
30 Nitroatse haleñe t'i Parò, ie naho ze hene mpitoro'e naho o nte-Mitsraime iabio
vaho akore ty fangololoihañe e Mitsraime ao, kanao tsy eo ty anjomba tsy aman-
dolo. 31 Aa le kinoi'e t'i Mosè naho i Aharone amy haleñey le nanao ty hoe,
Miongaha, Iengao ondatikoo, inahareo naho o ana'Israeleo! Akia, toroño t'IEHOVÀ,
amy nisaontsie' areoy. 32 Endeso o mpirai-lia' areoo naho o añombe' areoo, amy
nisaontsie' areoy vaho mañaveloa. Le tatao ka raho!

### *Ramsese pak'e Sokote*

33 Tinaentae' o nte-Mitsraimeo ondatio hampalisa ty hampiakarañe iareo amy
taney, fa hoe iereo, Fonga mate zahay. 34 Aa le rinambe' ondatio o koba' iareo po-
dalivaio, ie nikolopofeñe saroñe an-tsoro'e ao miharo amo fanake fampikobàñeo.
35 Norihe' o ana' Israeleo ty saontsi' i Mosè le nihalaly bange volafoty naho volamena
vaho sikiñe amo nte-Mitsraimeo, 36 le nosihe' IEHOVÀ o nte-Mitsraimeo t'ie hatarike

‡ **12:22** Heb: Hyssop

am' iereo, le nomei' iareo ze hene nihalalieñe. Aa le nifongane' iareo o nte-Mitsraimeo.
[37] Nañavelo boak' e Ramesèse pak' e Sokòte o ana' Israeleo, ondaty enen-ketse
am-pandia fa tsy niaheñe o keleiañeo. [38] Valobohòke mifangaro ty nitrao-pienga
am' iereo naho o lia-raikeo naho o mpirai-trokeo naho ty hanañañe tsy fotofoto.
[39] Natoña' iareo i mofo po-dalivay amy koba nendese' iereo boake Mitsraimey, Tsy
nian-dalivay i kobay amy t'ie natao' o nte-Mitsraimeo soike le nihepakepake fa tsy eo
ty hañalankaña' iareo vaty.
[40] Ty fitaveaña' o ana' Israele nimoneñe e Mitsraimeo le efa-jato-tsi-telopolo taoñe.
[41] Ie nimodo i 430 taoñe rezay amy andro zay, le hene nienga an-tane Mitsraime
o lahiale' Iehovà o. [42] Halem-pijilova' Iehovà toy, i nampiengà'e iareo an-tane
Mitsraimey, aa le ho fijilova' o ana' Israele iabio am' Iehovà amo hene tarira' iareoo
ty haleñe toy.

### *Fañè amy Fiariañ' Amboney*
*Fot. 17.9-14; Avo. 12.1-13*

[43] Hoe t'Iehovà amy Mosè naho i Aharone: Zao ty fañè' i Fiariañ' Amboney:
Tsy ho kamae' ty ambahiny, [44] fe azo kamae' ze ondevo vinily; o nisavare'oo ty
hihinañe aze. [45] Tsy ho kamae' ty mpañialo ndra ty mpikarama. [46] Añ' anjomba
raike ty ikamañe aze, tsy añakarañe amy anjombay i henay vaho tsy hapènkañe o
taola'eo. [47] Hambena' ty valobohò' Israele zay. [48] Aa naho te hitraok' amy sabadidam-
Pihelaña' Iehovày ka ty renetane ama' areo, le tsy mahay tsy ho savareñe hey ze
fonga lahilahi'e; ie amy zay ro mete mitotoke mb'eo hañambeñe aze; hanahake t'ie
nisamak' amy taney. Fe tsy mete ikama ze ondaty tsy votso-boiñe; [49] raike ty fetse
amo renetane mañialo ama' areoo naho amo nisamak' amy taneio.
[50] Le nanoe' o ana' Israeleo, nihenefa' o ana'Israeleo ze nandilia' Iehovà i Mosè
naho i Aharoney. [51] I àndroy avao ty nampiengà' Iehovà an-tane Mitsraime ao o ana'
Israeleo am-poko am-poko.

## 13

[1] Nitsara ty hoe amy Mosè t'Iehovà: [2] Avaho ho ahy ze hene lahilahy valohan'
anake. I manoka-koviñe amo ana' Israeleo, ke ondaty he hare, ahiko irezay.

### *Ty Sabadidak' i Mofo po-Dalivaey*
*Avo. 12.14-20*

[3] Hoe t'i Mosè am'ondatio, Tiahio ty andro toy, ty niavota' areo i Mitsraime,
boak' an-trañom-pañondevozañe ao; amy t'ie nampiengà' Iehovà atoy an-kaozaram-
pità'e; le tsy ho kamaeñe ty mofo aman-dalivay. [4] Androany ami'ty volan-*kofahofa,
ty niavota' areo. [5] Aa naho minday azo mb'an-tane' o nte-Kanàneo naho o nte-
Kheteo naho o nte-Emòreo naho o nte-Kiveo vaho mb'amo nte-Iebosìo añe t'Iehovà,
ie nampitamae'e an-droae'o am-pànta hatolots' azo; tane orikorihen-dronono naho
tantele, le hambena'o ami'ty volañe toy o fitalahoañe zao. [6] Fito andro ty hikama'o
mofo po-dalivay vaho amy andro faha-fitoy ty sabadidake am' Iehovà. [7] Ho kamaeñe
fito andro ty mofo po-dalivay, le tsy ho tendrek' ama'o ty mofo aman-dalivay vaho tsy
ho zoeñe ama'o, an-toe'o iaby ty lalivay . [8] Ty hoe ty hatoro'o ami'ty ana-dahi'o amy
andro zay, Ie i nanoe' Iehovà ho ahikoy, t'ie niavotse i Mitsraime. [9] Ho viloñe ama'o
am-pità'o naho tiahy añivom-pihaino'o eo soa te ho am-palie'o ty Ha' Iehovày, amy te
am-pitàñe maozatse ty nampiavota' Iehovà azo amy Mitsraime. [10] Aa le hambena'o
amy namotoaña'e azey boa-taoñe o fañè zao.

### *Ty Fañorizañe o Tañoloñoloñañeo*

* **13:4** Volankofahofa: Abibe: Volam-balohan'A'hare

11 Naho ninday azo an-tane' o nte-Kanàneo t'IEHOVÀ, ie nifañina ama'o naho an-
droae'o vaho fa natolo'e azo, 12 le havì'o ho a IEHOVÀ ze hene manoka-koviñe naho ze
fonga valohan' anan-kare'o, a IEHOVÀ o lahi'eo. 13 Fa ho jebañe'o ami'ty añondry ka ty
valohan' ana-borìke, aa naho tsy lefe'o jebañeñe, le tsi-mete tsy kitsihe'o ty loha'e. Aa
le ho jebañe'o ty tañoloñoloñan-anadahi'o. 14 Ie añe naho mañontane azo ty ana'o
ami'ty hoe: Ino zao. Le hatoi'o ty hoe, An-kaozaram-pità'e ro nampiengà' IEHOVÀ
anay i Mitsraime, boak' an-trañom-pañondevozañe ao. 15 Ie nifoneñe tsy hampienga
anay t'i Parò, le vinono' IEHOVÀ ze fonga valohan' anake an-tane Mitsraime ao, ty
tañoloñoloña' ondaty naho ty valohan' anan-kare. Aa le soroñeko am' IEHOVÀ ze
lahi'e manokake ty hoviñe, fe ho jebañeko ze tañoloñoloñan' anadahiko. 16 Le ho
sokitse am-pità'o eo zay vaho alama aolo' o maso'oo te ninday antika niavotse e
Mitsraime am-pità'e maozatse t'IEHOVÀ.

*Fitsahañe*

17 Naho nampienga' i Parò ondatio, le tsy niaoloan' Añahare mb'an-tane o nte-
Pilistio mb'eo ndra t'ie narine. Fa hoe t'i Andrianañahare, hera hibalintoa ondatio
te miatrek' aly naho hibalike mb'e Mitsraime añe. 18 Te mone nampiarien' Añahare
mb' an-dalan-diolio' i Riake Menay ondatio. Le nangovovoke boake Mitsraime o ana'
Israeleo.
19 Le nendese' i Mosè mindre ama'e ty taola' Iosefe ty amy nampifantà'e o ana'
Israeleo, ami'ty hoe: Toe hitilik' anahareo t'i Andriananañahare vaho hampindreze'
areo ama'areo boak' atoa o taolakoo.†
20 Ie niavotse i Sokote iereo le nitobe Etame añ'olo' i ratraratray. 21 Niaoloa'
IEHOVÀ an-drahoñe mitiotiotse te antoandro nitarike i liay vaho an'afo mijoalajoala
te haleñe hañomea'e hazavàñe hañaveloañe handro naho haleñe. 22 Tsy nisitak'
ami'ty fiaoloa'e ondatio i rahoñe nitiotiotsey te antoandro, ndra i afo nijoalay te
haleñe.

# 14

1 Hoe ty nitsarae' IEHOVÀ amy Mosè, 2 Misaontsia amo ana' Israeleo ty hibalike naho
hitobe aolo' i Pi-Hakiròte; añivo' i Migdòle naho i riakey, tandrife i Baal' Tsefone; eo
ty hitobea' areo marine i riakey. 3 Le hatao' i Parò te mikariokariok' an-tamberen-
tane ey avao ana' Israeleo fa arikatoha' i ratraratray. 4 Aa le ho gañeko ty arofo' i
Parò vaho hihoridaña'e. Fe hahazo engeñe amy Parò naho amo fonga lahindefo'eo
raho, le ho fohi' o nte-Mitsraimeo te Zaho IEHOVÀ. Aa le nanoe' iereo zay.
5 Ie nampandrendreheñe i mpanjaka' i Mitsraimey te nibotatsak' añe ondatio, le
nibalintoa am' ondatio ty fivetsevetse' i Parò naho o mpitoro'eo vaho hoe iereo,
Inoñe i nanoentika namotsotse o ana' Israeleo tsy hitoroñ' antikañey? 6 Aa le
nampihentseñe'e i sarete'ey vaho nampindreza'e ondati'eo. 7 Ninday sarete enen-
jato nijoboñen-dre vaho ze kila sarete' i Mitsraime rekets' o mpifehe'eo iaby. 8 Le
nampientere' IEHOVÀ ty arofo' i Parò mpanjaka' i Mitsraime vaho nihoridañe'e o ana'
Israeleo, ie fa nienga am-pitañ' abo o ana'Israeleo. 9 Nihoridañe' o nte-Mitsraimeo
amy ze hene soavala naho sarete' i Parò, o mpiningi-tsoavalao naho o lahindefo'e
iabio vaho nitrà'iareo nitobe marine' i riakey iereo marine i Pi-Hakiròte tandrife i
Baal' Tsefone.
10 Ie nañarivo mb'eo t'i Parò, le nampiandra fihaino o ana' Israeleo, le indroy,
nionjoñe mb'am' iereo o nte-Mitsraimeo. Vata'e nirevendreveñe iereo vaho nikoiak'
am' IEHOVÀ o ana' Israeleo. 11 Le nanao ty hoe amy Mosè, Ie tsy aman-kibory e
Mitsraime ao hao ty nanesea'o anay mb'etoa hikoromak' am-patrambey atoy? Ino
o nanoa'o anaio, ihe nampiakatse anay amy Mitsraime! 12 Tsy zao hao ty vinola'ay
ama'o e Mitsraime añe t'ie apoke hitoroñe o nte-Mitsraimeo? fe hàmake mitoroñe o

† **13:19** Fot. 50.25

nte-Mitsraimeo ta t'ie hivetrak' an-jerezere tane atoy. 13 Aa hoe t'i Mosè am'ondatio,
Ko hembañe, mijadoña vaho isaho ty fandrombaha' IEHOVÀ hatoro'e anahareo anito,
fa o nte-Mitsraime isa' areo androany tsy ho isa' areo kitro-katroke ka. 14 Hialy ho
anahareo t'IEHOVÀ, aa le mianjiña.
15 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ino ty ikoiha'o ahy? Misaontsia amo ana' Israeleo
ty hionjom-b'eo. 16 Le aonjono o kobai'oo vaho ahitio ambone' o riakeo ty fità'o, le
isalahao, hitsaha' o ana' Israeleo añivo' o riakeo an-tane maike. 17 Inao, hampigañeko
ty tro' o nte-Mitsraimeo, ie hañorike, hahazoako engeñe amy Parò naho i valobohò'ey
naho amo sarete'eo naho amo mpiningi-tsoavala'eo. 18 Ho fohi' o nte-Mitsraimeo
te zaho IEHOVÀ, naho ahazoako engeñe t'i Parò naho o sarete'eo vaho o mpiningi-tsoavala'eo.
19 Ie amy zao, nisitake i anjelin' Añahare niaolo' i tobe' Israeleiy, nivike mb' am-boli'
iareo ao. Toe nisitsitse boak' aolo' iareo i rahoñe nijoalay le nijohañe am-boho'e ao
20 nitsatoke añivo' o lahindefo' i Mitsraimeo naho i tobe' Israeley; naho ninday ieñe
mb'aroa i rahoñey fe nihazavae'e atoa i haleñey, soa tsy nifankarine amy haleñe
iabiy ty raike mb'ami'ty ila'e.
21 Aa le nahiti' i Mosè ambone' i riakey ty fità'e, le nampivevè' IEHOVÀ amy haleñe
iabiy an-tiobey atiñanañe i riakey naho navali'e ho tane maike i riakey vaho nizara
o ranoo, 22 le nijoñe amy riakey an-tane maike o ana' Israeleo, ty rindrin-drano an-kavana' iereo naho an-kavia'e.
23 Hinorida' o nte-Mitsraimeo iereo, mb'an-teñateña' i riakey, o soavala' i Parò
iabio, ze hene sarete'e naho o mpiningi-tsoavala'eo. 24 Ie amy fijilovañe marain-draiñey, le nijilove' IEHOVÀ boak' amy afo nijoalay naho amy rahoñey ty valobohò'
i Mitsraime vaho navalitsikota'e i valobohò' i Mitsraimey. 25 Nakatra'e o laron-tsarete'eo nanebatsebañe ty fionjona' iareo vaho hoe ty asa' o nte-Mitsraimeo, Antao
hibioñe ami'ty lahara' Israele! amy te mialy amy Mitsraime ho a iareo t'IEHOVÀ.
26 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ahitio ambone' i riakey ty fità'o hibaliha' o ranoo
amo nte-Mitsraimeo, amo sarete'eo vaho amo mpiningi-tsoavala'eo. 27 Nahiti' i Mosè
ambone' i riakey amy zao ty fità'e le nimpoly amy fikararaha'e taoloy i riakey te
nanjirike i àndroy. Nitriban-day ama'e o nte-Mitsraimeo fe navalitaboa' IEHOVÀ añivo'
i riakey. 28 Nitabatroake mb'eo i ranoy nañàmpo o sareteo naho o mpiningitseo naho
i valobohò' i Parò nañorike o ana' Israeleo mb'an-driake mb'eo iabiy, ie tsy nengan-tsehanga'e.
29 Fe nitsake i riakey an-tane maike ka o ana' Israeleo añivo i riakey amy te
nirindriñe am'iereo i ranoy, ankavana'e naho ankavia'e eo.. 30 Zay ty nandrombaha'
IEHOVÀ am-pità' o nte-Mitsraimeo t'Israele amy andro zay vaho niisa' Israele nifitak'
añ' olon-drano ey o fàten-te Mitsraimeo. 31 Nahaisake i hara' elahin-kaozara'
IEHOVÀ naboa'e amo nte-Mitsraimeoy t'Israele, le nañeveñe am' IEHOVÀ ondatio vaho
niantoke amy IEHOVÀ naho i Mosè mpitoro'ey.

# 15

*Ty Sabo' i Mosè naho i Miriamae*

1 Le nisabo ty takasy toy am' IEHOVÀ t'i Mosè naho o ana' Israeleo, nipoña-peo
ami'ty hoe:
Ho saboeko t'IEHOVÀ,
onjono an-tiotiotse ey,
Nafetsa'e an-driak' ao
ty soavala reke-mpiningi'e. 2 Haozarako naho saboko t'IEHOVÀ,
Ie fandrombahañe* ahiko henaneo.

* **15:2** Sab 118:14, Ies 12:2

Andriananañahareko re, le ho rengeko,
Andriananañaharen-draeko,
vaho honjoñeko.
3 Fanalolahy añ’ aly t’IEHOVÀ,
IEHOVÀ ty Tahina’e.
4 Navokovoko’e an-driak’ ao
o sarete’ i Paròo naho i valobohò’ey.
Nampiopoe’e an-dRia-Binda ao
o roandria jinobo’eo.
5 Manafots’iareo i lalekey,
nilempotse an-dalek’ ao hoe vato.
6 Toe engeñe an-kaozarañe o fità’o havanao, ry IEHOVÀ.
Fa dinorodemom-pitàn-kavana’o
i rafelahiy, ry IEHOVÀ.
7 Ami’ty hajabahinam-bolonahe’o
ty anjevoña’o ambane o mivoala ama’oo.
Ampihitrife’o mb’eo ty haviñera’o
mahatomonto iareo hoe tain’ ava.
8 Ami’ty fikofòm-piantsona’o ty nivotria’ i ranoy.
Nitroatse hoe rindriñe i sorotombahañey;
Nizitse an-tro’ i riakey o lalekeo.
9 Hoe ty asa’ i rafelahiy:
Ho horidañeko, ho trako,
Ho zaraeko o dinohitseo;
ie hañeneke ty haveloko.
Hapontsoako ty fibarako,
handrotsaha’ ty tañako.
10 Fe nitiofe’o an-kofò’o
Le nandipotse iareo i riakey.
Nilempotse hoe firake
An-drano nitabohazake ao.
11 Ia amo ndrahareo ty mañirinkiriñe Azo ry IEHOVÀ? Ia ty hambañe ama’o?
Tsomerentsereñe an-kamasiñañe,
mampañeveñe an-drenge,
ry mpitolon-kalatsàñeo!
12 Nahiti’o ty fità’o havana
vaho nabea’ i taney iereo.
13 Am-pikokoa-migahiñe
ty niaoloa’o ondaty nijebañe’oo.
An-kafatrara’o ty nitehafa’o
mb’añ’akiban-kamasiña’o mb’eo.
14 Nahajanjiñe o kilakila ondatio
vaho nititititike;
Fineveneverañe ty nametreke o nte-Pilistio
15 Nirevendreveñe o mpifehe’ i Edomeo
nihondrahondra o roandria’ i Moabeo,
fonga nitranake o nte-Kanàneo;
16 nivotraha’ ty havorombeloñe
naho ty hetraketrake,
ami’ty haozaram-pità’o
nizitse hoe vato iereo—
Ampara’ te nitsake ondati’oo ry IEHOVÀ, ampara’ te nitsake ondaty vinili’oo.

17 Hampimoahe’o ao iereo vaho haore’o am-bohi’ i lova’oy—
i toem-pimoneña’o hinalanka’oy,
ry IEHOVÀ,
i fipalirañe naorem-pità’oy ry Talè.
18 Mifehe nainai’e donia t’IEHOVÀ.
19 Fa nisorogodañ’ an-driak’ ao o soavala i Paròo rekets’ o sarete’eo naho o
mpiningi’eo, le nampoli’ IEHOVÀ am’ iereo o ranon-driakeo vaho nitsake añivo’ i
riakey an-tane maike o ana’ Israeleo. 20 Nandrambe kantsàñe amy zao t’i Miriamae
mpitoky, rahavave’ i Aharone, le nañorik’ aze an-kantsàñe naho tsinjake o rakemba
iabio 21 vaho nitakasie’ i Miriamae:
Misaboa am’ IEHOVÀ
fa nandreketse am-pandreketam-bolonahetse.
Navokovoko’e an-driak’ ao ty soavala reke-piningi’e.

*O Rano i Marà naho i Elima*

22 Aa le nendese’ i Mosè nienga i Ria-Binday t’Israele naho nionjomb’ an-
dRatraratra’ i Sore. Nañavelo telo andro am-patrambey ao iereo fe tsy nahatendreke
rano. 23 Ie pok’e Marà† ao, le tsy nihay kamaeñe i rano’ i Marày fa nafaitse. (Zay ty
nanoañe ty hoe Marà i aoy.) 24 Aa le niñeoñeo amy Mosè ondatio ami’ty hoe: Ino
ty hinome’ay? 25 Le nitoreo am’IEHOVÀ re naho nitoroa’ IEHOVÀ ty hatae, ze nahifi’e
an-drano ao nahamamy i ranoy.
Teo ty nanoa’ IEHOVÀ fañè naho zaka vaho teo ty nitsoha’e iareo. 26 Hoe re:
Naho imanea’o haoñe ty fiarañanaña’ IEHOVÀ Andriananañahare’o naho manao ty
hahiti’e am-pivazohoa’e naho mijanjiñe o fandilia’eo vaho miambeñe o fañè’e iabio,
le tsy hapoko ama’o o areteñe nafetsako amo nte-Mitsraimeoo, fa Izaho IEHOVÀ
Mpampijangañe azo.
27 Le nitotsake Elìme ao iereo, toetse an-dohan-drano manganahana folo ro’ amby
naho satrañe fitom-polo; vaho nañialo marine’ o ranoo eo.

# 16

*Mahakama hirik’ andikerañey*

1 Ami’ty andro fahafolo lime ambi’ i volam-paha-roe niavota’ iareo an-tane
Mitsraimey, le nañavelo boak’ Elime ty valobohò’ Israele vaho nivotrak’ am-
patrambei’ i Sine añivo’ i Elime naho i Sinày. 2 Nitoreo amy Mosè naho i Aharone
am-patrambey ao i valobohò’ Israeley; 3 le nanoa’ o ana’ Israeleo ty hoe, Hamake te
navetram-pità’ IEHOVÀ an-tane Mitsraime ao, ie nitoboke marine’ o valañen-kenao
vaho nikama mahakama ampara’ te nietsake; fe nasese’o ampatrambey atoy ty
fivoribey toy ho zamane’o an-kasalikoañe.
4 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Ingo, hampikojojoahako mahakama boak’ andikerañe
añe vaho hiavotse mb’eo boak’ andro ondatio hanontoñe i tsaraeñey, ze mahatsàke
i àndroy, hitsohako iareo, ke hañaveloa’ iareo i Hake natolokoy ke ts’ie. 5 Ie amy
andro fah’ eneñey le halankañe’ iereo o natonto’eo, fa ho indroe’ty famoria’ iareo
boak’ andro. 6 Aa le hoe t’i Mosè naho i Aharone amo hene ana’ Israeleo, Ho fohi’
areo hariva te IEHOVÀ ty nañavotse anahareo an-tane Mitsraimey, 7 le ie maraindray
ho isa’ areo ty enge’ IEHOVÀ, fa jinanji’e ty fitoreo’ areo am’ IEHOVÀ. Aa inon-jahay te
itoreova’ areo? 8 Le hoe t’i Mosè, hanjotsoa’ IEHOVÀ hena ho kamae’ areo te hariva
naho mahakama mahaanjañe te maraindraiñe, amy te janji’ IEHOVÀ ty fimenomeno’
areo te miñeoñeoñe—fa inon-jahay? Tsy ama’ay ty fiñeoñeo’ areo fa am’ IEHOVÀ.
9 Le hoe t’i Mosè amy Aharone, Saontsio o valobohò’ Israeleo, Miharinea am’
IEHOVÀ, fa jinanji’e ty fitoreo’ areo. 10 Aa naho nilañoñe amy valobohò’ Israeley

† **15:23** Marà: mafaitse

t'i Aharone, ie nitolike mb' ampatrambey eñe, ingo, niboak' amy rahoñey ty enge' IEHOVÀ. [11] Nitsara amy Mosè t'IEHOVÀ nanao ty hoe, [12] Fa tsinanoko ty fitoreova' o ana' Israeleo; aa le taroño am' iereo ty hoe, hikama hena iereo te hariva, naho ho ànja-mahakama iereo te maraindray vaho hapota' areo te Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' areo.
[13] Ie amy harivay, nionjom-b'eo o hatrakatrakeo nañatseke i tobey; le ie maraindraiñe hoe nizotsoan-jono ty añ'ariari' i tobey. [14] Ie nionjoñe i zonoy, le ingo ty raha bory nilamak' am-patrambey ey, hoe sisi'e, matify hoe tihin-tà* an-tane eo.
[15] Ie niisa' o ana' Israeleo i raha zay, le hoe ty nifanoiña' iereo, Ino zao?† Amy t'ie nahaalik' iareo. Le hoe t'i Mosè am' iereo, Ie ty mahakama nazotso' IEHOVÀ ama' areo ho kamaeñe. [16] Inao ty nandilia' IEHOVÀ: Atontono ty hikama'areo, sindre omere raike, ty ami'ty ia' ondati'o, sindre hangalake ty mahaeneñe. [17] Nanoe' o ana' Israeleo zay, le namory, teo ty nanontoñe maro, teo ty nanontoñe kede. [18] Aa ie nikapoahe' iareo ami'ty omere, le tsy nanisa ty nanontoñe maro vaho tsy niereñe ty nanontoñe potrapotra'e, songa nanontoñe ty nahaeneñe aze. [19] Le hoe ty nanoa' i Mosè, Asoao tsy hanisaeñe ty maraiñe. [20] Fe tsy hinao' iareo t'i Mosè, teo ty nanisa ami'ty maraiñe, le nipoahan' oletse vaho nitrotròtse. Aa le niviñera' i Mosè. [21] Boa-maraiñe ty natonto' iareo, ty amo falie mikamao; ie nipisañe ty àndro le nimosaoñe.
[22] Fa ami'ty andro fah' eneñe, songa nitoha indroe' ty mahakama'e, sindre omere roe vaho hene niheo mb'eo o androanavi' i fivoribeiio nitalily amy Mosè, [23] le hoe re am' iereo, Hoe ty nitsarae' IEHOVÀ: Fitofàñe ty hamaray, SABATA masiñe am' IEHOVÀ; atoñaho ze hatoña' areo naho ahandrò ze ahandroeñe te anito, le anisao ty maraiñe.
[24] Aa le nanisa ho ami'ty maraiñe, amy nitoroa' i Mosèy fa tsy nimantiñe vaho tsy aman-oletse. [25] Hoe t'i Mosè, Mikama anito, fa Fitofañe am' IEHOVÀ ty androany vaho tsy ho zoeñe an-kivok' añe zay te anito.
[26] Eneñ' andro ty hanontona' areo, f'ie tsy ho tendreke ami'ty andro fahafito, i Sabatay. [27] Ie amy andro fahafitoy, teo t'indaty nitoha fe tsy naharendreke. [28] Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Pak' ombia ty mbe hifoneña' areo tsy hañorike o lilikoo naho i Fetsekoy? [29] Inao, te natolo' IEHOVÀ anahareo ty Sabotse; zay ty anjotsoa'e mofo mahatsàk' andro roe amy andro fahaeneñey. Songa midok' an-toe'e, Ko apo'o ndra iaia hiavotse amy toe'e ami'ty andro faha-fito. [30] Aa le songa nitofa ami'ty andro faha-fito‡ ondatio. [31] Natao' o ana' Israeleo màne i mofoy. Nifoty hoe kabaro maike naho hoe mofo pisake nanoeñe an-tantele.
[32] Hoe t'i Mosè, Zao ty linili' IEHOVÀ, Añatsafo omere raik' ama'e, hahaja ho amo tarira'areo mifandimbeo, hahaoniña' iereo i mahakama namahanako anahareo am-patrambey ao t'ie nampiengàko an-tane Mitsraimey. [33] Le hoe t'i Mosè amy Aharone, Andrambeso korojy le agodoño ao ty màne mahatsàke ty omere vaho ahajao añatrefa' IEHOVÀ ho fihaja amo tarira'areoo. [34] Amy nandilia' IEHOVÀ i Mosèy, ty nampipoha' i Aharone aze aolo' i fañinay ho fihaja. [35] Nikama màne efapolo taoñe o ana' Israeleo, ampara' te nivotrak' an-tane fimoneñañe añe; nikama màne ampara' t'ie nitotsake añ'efetane Kanàne ao.
[36] Toe fahafolo ty efà ty omere.

# 17

*ty Vato Fidoañan-drano*
*Vol. 20.1-13*
[1] Nienga i fatrambey Siney mb' ami'ty lia' iareo ty valobohò' o ana' Israeleo ty ami'ty falie' IEHOVÀ vaho nañialo e Refidìme fe tsy aman-drano ho kamae' ondatio.
[2] Le nidoha raha amy Mosè ondatio nanao ty hoe, Meo rano hinome'ay. Hoe t'i

* 16:14 Heb: fanala † 16:15 Mane ho: Ino zao? ‡ 16:30 Fot 2:2-3

Mosè am’ iereo, Ino ty idabasidà’ areo amako? Ino ty itsoha’ areo t’Iehovà? 3 Fe
nifeake hataliñiereñe ondatio vaho nitoreo amy Mosè ami’ty hoe, Ino ty nampiavota’o
anay amy Mitsraime hamonoa’o anay naho o keleia’aio naho o hare’aio an-karan-
dranoañe? 4 Aa le nitoreo am’ Iehovà t’i Mosè, ami’ty hoe: Ino ty hanoeko am’ondaty
retoañe? Didý tsy ametsaha’ iareo vato. 5 Hoe t’Iehovà amy Mosè, Miaria aolo’
ondatio, le ampindrezo o androanavi’ Israeleo; tintino am-pitañe i kobay napao’o i
Naileiy, le akia. 6 Inao, hijohañe añatrefa’o ambone’ i vato’ i Korèbey raho. Paoho
i vatoy, le hiakaran-drano, hikamà’ ondatio. Nanoe’ i Mosè zay, ampahaisaha’ o
androanavi’ Israeleo. 7 Natao’e *Masà naho Meribà i toetsey amy te nidoha raha
naho nitsoke Iehovà o ana’Israeleo ami’ ty hoe, Amantika hao t’Iehovà ke ts’ie?

### *Hinorida’ i Amalèke*
### *Fot 14.7; Vol. 13.29; 14.25*

8 Niheo mb’eo amy zao t’i Amalèke nifañotak’ am’Israele e Refidime eo. 9 Hoe
t’i Mosè am’ Iehosoa, Joboño ondaty ho antika, le mionjona hialy amy Amalèke.
Hijohañe ambone’ o vohitseo raho te hamaray le ho an-tañako i kobain’ Añaharey.
10 Le nanoe’ Iehosoa i nampanoe’ i Mosèy vaho nialy amy Amalèke, le nañambone’ i
vohitsey t’i Mosè naho i Aharone vaho i Khòre. 11 Aa ndra mbiambia te nahafañonga-
pitàñe t’i Mosè le nahagioke t’Israele, fa ie nazè’e i fitàñey le nahareketse ka t’i
Amalèke. 12 Nihamokotse amy zao o fità’ i Mosèo le nandrambe vato naho napo’
iereo ambane’e hiambesara’e, naho nongahe’ i Aharone naho i Khòre o fità’eo, ty
raik’ añ’ ila’e etia le ty raik’ atia vaho tsy nitroetroe o fità’eo ampara’ te nitsofotse i
àndroy. 13 Le ginio’ Iehosoa am-bavam-pibara t’i Amalèke naho ondati’eo.
14 Le hoe t’Iehovà amy Mosè, Sokiro am-boke ao zay ho tiahy vaho apoho an-
dravembia’ Iehosoa te ho faoheko ambanen-dikerañe ty fitiahiañe i Amalèke. 15 Le
nandrafitse kitrely t’i Mosè vaho natao’e ty hoe, Iehovà Nissy†, 16 le hoe re, Aa kanao
nañonjom-pitàñe amy fiambesa’ Iehovày t’i Amalèke, le hifañotak’ ama’e t’Iehovà,
tarirats’ an-tariratse.

# 18

### *Ty Fanoroa’ Iitrò*
### *Its 1.9-18*

1 Aa naho jinanji’ i Iitrò mpisoro’ i Midiane, rafoza’ i Mosè, ze hene nanoen’
Añahare ho a i Mosè naho ho a ondati’e Israeleo vaho ty nampiengà’ Iehovà boake
Mitsraime ao t’Israele, 2 le rinambe’ Iitrò t’i Tsiporàe, vali’ i Mosè, ie fa nampolie’e,
3 naho i ana’e roe rey. I Geresòme ty añara’ ty raike (amy asa’e ty hoe: Fa
niambahiny* an-tanen’ ambahiny raho), 4 le natao’e Elièzere† ka ty añara’ ty raike
(fa hoe re, Nañimb’ahy t’i Andriananañaharen-draeko vaho rinomba’e ami’ty fibara’ i
Parò.) 5 Nimb’am-patrambey nitobea’ i Mosè marine’ i vohin’ Añaharey mb’eo t’Iitrò
rafoza’ i Mosè naho i ana’ i Mosè rey vaho i vali’ey. 6 Nampañitrife’e amy Mosè
ty hoe, Fa tsatok’ama’o raho, Iitrò, rafoza’o, rekets’ i vali’oy naho i ana’o roe rey.
7 Nimb’eo amy zao t’i Mosè nifanalaka amy rafoza’ey le nibokobokoa’e naho norofa’e
naho nifañontane fanintsiñañe vaho nimoak’ an-kibohots’ ao. 8 Aa le hene natalili’
i Mosè aman-drafoza’e ty nanoe’ Iehovà amy Parò naho amo nte-Mitsraimeo ty amo
ana’ Israeleo, le o fonga haoreañe nizo’ iareo amy lalañeio naho ty nandrombaha’
Iehovà. 9 Nahafale’ Iitrò ze hene hasoa nanoe’ Iehovà am’ Israele ie nihaha’e am-pita’
i Mitsraimeoy.

* **17:7** Masà: zizy; Meribà: fifandierañe † **17:15** Nissy: Vorovoro fañelahelañe * **18:3** Ger: ambahiny
† **18:4** Eli: A’hareko, Ezera: Mpañomba

10 Hoe t'Iitrò, Andriañeñe t'IEHOVÀ nañaha anahareo am-pità' i Mitsraime naho
am-pità' i Parò, ie namotsotse ondatio ambanem-pità' i Mitsraime. 11 Apotako to
henaneo te lombolombo ze atao 'ndrahare iaby t'IEHOVÀ, ami'ty nandrombaha'e amo
nanotratsotrake iareoo. 12 Aa le nañenga horoañe naho soroñe aman' Añahare t'Iitrò
rafoza' i Mosè, le niheo mb'eo t'i Aharone reketse ze hene roandria' Israele nitrao-
pikama amy rafoza' i Mosèy aolon' Añahare.

13 Ie loakandro, le niambesatse nizaka añivo' ondatio t'i Mosè, le nijohañe aolo' i
Mosè ey ondaty iabio ami'ty maraindray pak' amy harivay. 14 Ie hene niisa' i rafoza' i
Mosèy o nanoe'e am' ondatioo le hoe ty asa'e, Inoñe ze o anoe'o am'ondatio? Inoñe ty
iambesara'o, ihe avao, vaho mizorazora aolo'o ey ondaty iabio boak' andro ampara'
te hariva? 15 Hoe t'i Mosè aman-drafoza'e, Amy te miheo mb' amako mb' etoa ondatio
hañontane aman' Añahare. 16 Ie mifandietse le mb' amako mb'etoy, hizakako añivo'
ty raike naho ty ila'e, le ampandrendrehako o fañèn' Añahareo naho o Nafe'eo. 17 Hoe
ty rafoza' i Mosè ama'e, Tsy mete o anoe'oo. 18 Toe mamoza-batan-drehe, ihe naho
ondaty ama'o retoañe, amy t'ie loho mavesatse ama'o, le tsy lefe'o toloñeñe, ihe
raike. 19 Aa le haoño ty feoko, fa ho toroako, le hañimb' azo t'i Andrianañahare!
Solò añ' atrefan' Añahare ondatio, hanolora'o aman' Añahare o fitoreo' iareoo.
20 Ianaro o fañèo naho i Hake vaho ampahafohino iareo ty lalan-kombàñe naho ze
fitoroñañe hanoeñe. 21 Le paiao ondaty mahimbañe añivo' ondatio, mpañeveñe
aman' Añahare, ondaty vantañe, malaimbokañe; ajadoño hifehe indaty rezay ho
mpamelek' arivo naho mpinday zato naho mpiaolo limampolo vaho mpifehe-folo.
22 Le adono iareo hizaka ondatio nainai'e, ie amy zao hasese' iareo mb'ama'o ze
enta-mavesatse le o maivañivañeo ro ho tampahe' iareo. Haivañe ama'o henane zay
ie hindre hivave ama'o. 23 Naho anoe'o zay, vaho andilian' Añahare azo, le ho lefe'o
vaho himpoly mb'an-kiboho' iareo am-panintsiñañe ondaty retoa.

24 Nihaoñe' i Mosè i rafoza'ey vaho hene nihenefe'e i natoro'ey. 25 Jinobo' i Mosè
amo ana' Israele iabio ty ondaty mahimbañe le nampifehe'e ondatio, ho mpamelek'
arivo naho mpifehe zato naho mpifehe limampolo vaho mpifehe folo.

26 Le nizaka ondatio boak' andro amy zao iereo naho nasese' iareo amy Mosè ze
zaka tsy nileo vaho nitampa' iereo o raha maivañeo. 27 Aa le tinata' i Mosè i rafoza'ey
ie nienga mb'an-tane'e añe.

# 19

*Israele am-Bohi-Sinay Ey*

1 Amy volam-paha-telo niengà' o ana' Israeleo an-tane Mitsraimey, le tsatok' amy
àndro zay t'ie nivotrake am-patrambei' i Sinay eo. 2 Fa niakara' iareo ty Refidime
le nipok' am-patrambei' i Sinay vaho nitobe an-dratraratra ey. Aa le nañialo aolo'
i vohitsey t'Israele. 3 Niañambone mb' aman' Añahare mb'eo amy zao t'i Mosè,
le nikanjy aze boak' am-bohitsey t'IEHOVÀ ami'ty hoe, Ty hoe ty ho saontsie'o amy
hasavereña' Iakòbey vaho ty hatao'o amo ana' Israeleo: 4 Fa niisa' areo ty nanoeko
amy Mitsraime naho nibabeako añ'elam-bantio ninday anahareo mb'amako mb'atoy.
5 Ie amy zao naho toe janjiñe' areo ty feoko naho mañambeñe i fañinakoy, le ho
vàrako miambake te amy ze hene ondaty. Fonga ahiko ty tane toy. 6 Le ho fifeheam-
pisoroñe amako naho fifelehañe miavake nahareo. Zay ty entañe ho saontsie'o amo
ana' Israeleo.

7 Aa le nimb'eo t'i Mosè nikoike o androanavi' ondatio vaho natrefe'e am' iereo
i nampitsara' IEHOVÀ azey. 8 Le fonga nanoiñe an-kapindre ondatio, ty hoe, Ho
henefa'ay ze tsinara' IEHOVÀ. Aa le nabali' i Mosè am' IEHOVÀ i saontsi' ondatioy.
9 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Hehe, te miheo mb'ama'o an-drahoñe milodolodo ao
raho, soa t'ie mivolañe, le ho janjiñe' ondatio rehe vaho hatokisa' iareo nainai'e.

*Ty Nampiavahañe Ondatio*

Ie tinaro' i Mosè am' IEHOVÀ i saontsi' ondatioy, 10 le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Akia
mb' am' ondatio mb'eo naho ampiavaho te anito naho hamaray vaho ampanasao
iareo o lamba'eo. 11 Le ampihentseño ho ami'ty andro faha-telo fa herone ty hizotsoa'
IEHOVÀ am-Bohi-Sinay am-pahaisaha' ze hene ondaty. 12 Ampiarikoboño efetsefetse ty
am'ondatio ty vohitse toy vaho ano ty hoe, Mitaoa tsy hiañambone mb'ambohitsey le
ko tsapaeñe ty indra'e, fa havetrake ze mitsapa o vohitseo. 13 Tsy ho tsapaem-pitàñe,
fa ho fetsaham-bato ndra tomboheñe ndra t'ie ondaty ndra biby, fa tsy ho veloñe.
Naho mivolañe i antsivay le hitotoke amy vohitsey iereo. 14 Aa le nizotso i vohitsey
mb' am' ondatio t'i Mosè naho nampiavahe'e ondatio vaho nanasa lamba iereo. 15 Le
hoe re am' ondatio, Mihentseña ho ami' ty herone, le ko mitotoke ami'ty valy.

16 Ie maraindrai' i andro fahateloy, le niparapapiake ty àmpiñe miharo helatse
vaho ty rahoñe jabajaba amy vohitsey, le akore ty fipoñafa' i antsivay kanao hene
nihondrahondra ondaty an-tobeo. 17 Nendese' i Mosè niakatse i tobey ondatio
hifañaoñ' aman' Añahare le nijohañe *ambane' i vohitsey.

18 Kinolopon-katoeñe amy zao i vohitsey amy te nizotso ama'e ami'ty afo t'IEHOVÀ;
le nifororoake nañambone manahake ty hatoe' o votrim-birìke sodorañeo ty
hatoeñe vaho niozoñozoñe mafe i vohitsey. 19 Ie nitolom-pipopo ty feo i antsivay,
nihamatsiañe, le nisaontsy t'i Mosè vaho nanoiñe an-kotroke t'i Andrianañahare.
20 Ie nizotso mb'amy Vohi-Sinaiy mb'eo t'IEHOVÀ, ambone' i vohitsey eo, le kinanji'
IEHOVÀ t'i Mosè hiañambone' i vohitsey vaho niañambone mb'eo t'i Mosè. 21 Le
hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Mizotsoa mb'eo le hatahatao ondatio tsy mone hisosoke
mb'eo hisamba IEHOVÀ; vaho hifitafita eo ty maro. 22 Le tsi-mete tsy mañefe-batañe
hey o mpisoroñeo te hañarine IEHOVÀ hera hiboroboñak' ama'e t'IEHOVÀ. 23 Hoe t'i
Mosè amy IEHOVÀ, Tsy mete ondatio ty homb' am-Bohi-Sinay mb' atoy; amy te Ihe
ro nañatahata anay ami'ty hoe, Ampijadoño efetse hañarikatoke i vohitsey vaho
ampiambaho. 24 Hoe t'IEHOVÀ ama'e, Akia, mizotsoa, le mañambonea mb' etoy,
ihe mindre amy Aharone; le ko ado'o hiboroboñake hiañambone mb'am' IEHOVÀ
o mpiaoloo ndra ondatio; tsy mone hitorotosira'e. 25 Aa le nizotso mb'am' ondatio
mb'eo t'i Mosè ninday i tsaray.

# 20

*Ty Tsara Folo*
*Its. 5.1-22*

1 Le nanao o hene tsara zao t'i Andrianañahare:
2 Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'o nampieng' azo an-tane Mitsraime boak' an-trañom-pandrohizañe ao.
3 Ko ho aman-drahare hatovoñ' ahy rehe. 4 Ko mandranjy raham-pahasive, ndra
saren' inoñ' inoñe andikerañe ambone eñe, ndra an-tane ambane atoy,
ndra an-drano ambane tane ao. 5 Ko ibokobokoa'o ndra itoroña'o; fa
Andrianañahare mpamarahy raho IEHOVÀ Andrianañahare'o, mpandilo anake
ty amo hakeon-drae'eo pak' an-tarira'e fahefatse naho fahatelo' o tsy mañaoñe
Ahikoo, 6 vaho mampiboake fikokoa-migahiñe ami' ty tariratse fah' arivo' o
mpikoko ahiko naho mañàmbeñe o lilikoo.
7 Ko vavè'o tsy vente'e ty tahina' IEHOVÀ Andrianañahare'o,
amy te tsy hihevea' IEHOVÀ
ze mivave i tahina'ey
ami'ty tsy fanjofaha'e.

---

* **19:17** nonjonen' A're ambone' i màroy i vohitsey.

[8] Tiahio ty andro Sabotse
hañavaheñe aze.
[9] Eneñ’ andro ty hitoloña’o
hanao ze hene tolon-draha’o.
[10] Fa Fitofàñe am’ IEHOVÀ Andriananañahare’o ty andro fahafito; ko mitoloñ’ ama’e rehe;
ihe, ndra ty ana-dahi’o
ndra ty anak’ampela’o
ndra ty ondevo’o lahy naho ampela,
ndra o hare’oo ndra o renetane mpimoneñe an-dalambei’oo.
[11] Amy te eneñ’ andro ty namboare’ IEHOVÀ o likerañeo naho ty tane toy
naho i riakey naho ze hene am’ iereo ao
vaho nitroatse ami’ty andro faha-fito;
le nitahie’ IEHOVÀ ty andro Sabotse
vaho nimasiñe’e.
[12] Miasia an-drae’o naho an-drene’o soa t’ie ho lava ohatse
an-tane hatolo’ IEHOVÀ Andriananañahare’o azo.
[13] Ko mañe-doza.
[14] Ko mañarapilo.
[15] Ko mampikametse.
[16] Ko mitalily vilañe ondaty.
[17] Ko mihàñe ty anjomba’ ondaty; ko mikiroke ty vali’ondaty,
ndra ty mpitoro’e lahilahy ndra ampela, ndra ty añombe’e ndra ty birike’e
ndra inoñ’inoñe amo fanaña’ ondatio.
[18] Niisa’ ondatio o fipazakeo naho o helatseo naho ty hamatsiaña’ i antsivay
naho i vohitse nañatoeñey, toe nahaisake ondatio le nitititiitike naho nijohañe ey
avao, [19] vaho nanao ty hoe amy Mosè, Misaontsia ama’ay, le ho janjiñe’ay, fe ko
ampitsarae’o ama’ay t’i Andriananañahare tsy mone hikoromake. [20] Aa hoe t’i Mosè
am’ondatio, Ko hembañe; Ie hitsok’ anahareo ty nivotrahan’ Añahare, hañeveña’
areo, tsy handilara’ areo. [21] Fe nijohañe ey avao ondatio vaho nitotoke mb’amy
filodolodoan-drahoñe nitoeran’ Anaharey ao t’i Mosè.
[22] Hoe t’IEHOVÀ amy Mosè: Ty hoe ty hatao’o amo ana’ Israeleo, Toe nioni’ areo ty
nivolañako boak’ amo likerañeo: [23] Ko mamboatse saren-drahare volafoty hatovoñ’
ahy ndra mitsene saresaren-drahare volamena ho anahareo.

### *Ty Lili’ o Kitrelio*

[24] Kitrely tane ty hamboara’o ahy, le ama’e ty hisoroña’o o enga horoa’o naho o
sorom-panintsiña’oo, o añondri’oo naho o añombe’oo; amy ze tane ampitiahiako ty
añarako, le homb’ ama’o mb’eo raho hitahy azo. [25] Aa naho amboara’o kitrelim-
bato le ko anoe’o am-bato finandrake; amy te mahativa aze te añoharam-pàndrake.
[26] Vaho ko mitroatse am-panongañe tsy mone hiboake ty heña’o.

## 21

### *O Lili’ Ondevoo*
*Its 15.12-18*

[1] Iretoañ’ o fètse ho taroñe’o am’ iereoo: [2] Ie mivily ondevo lahilahy nte-Evre
le enen-taoñe ty hitoroña’e, f’ie hiavotse hidada ami’ty fahafito, afa-tsongo. [3] Ie
dogalahy te mizilik’ ao le i hadogà’ey ty hiakara’e; ie manam-baly te mizilike le amam-
bali’e ka te hiavotse. [4] Ie tolora’ ty talè’e valy vaho mahatoly ana-dahy ndra anak’
ampela ama’e le ho a i talè’ey i vali’ey naho o ana’eo, le doga re te hiakatse ao. [5] Fe
naho mitsey ty hoe i mpitoro’ey, Kokoako ty talèko naho ty valiko vaho o anakoo; tsy

te hiakatse ampidadàn-draho, [6] le hasese' i talè'ey añatrefan' Añahare*. Hendeseñe
mb'an-tsariraña mb'eo ndra am-pikalan-dalañe eo le ho trofahe' ty talè'e fañity ty
ravembia'e vaho ho toroñe'e kitro añ'afe'e.
[7] Ie aleta' t'indaty ho ondevo ty anak' ampela'e, le tsy hanahake ondevo lahilahy
ty hiakara'e. [8] Naho heje' ty talè'e, ie jinobo'e ho am-bata'e, le azo jebañeñe; fe
tsy hanan-jo handetak' aze ami'ty ambahiny naho heje'e, ie nifañahia'e. [9] Aa naho
fofoe'e ho a i ana-dahi'ey le hampanahafe'e amo anak' ampelao. [10] Ie mañenga valy
tovo'e le tsy aketrake ty mahakama'e ndra ty lamba'e ndra ty fialoza'e. [11] F'ie tsy
hañeneke i telo rezay le hiakatse ampidadàñe re tsy an-tsongo, tsy mandoa vola-foty.

### *Ty Lili' o Firombahañeo*

[12] Tsi-mete tsy havetrake ty namofoke ondaty nampikoromak' aze. [13] Aa naho
tsy nikililieñe, fe nasesen' Añahare am-pità'e, le ho toroako toetse hirombaha'e.
[14] Fe naho iambotraha' t'indaty am-pamañahiañe t'indaty hamonoa'e am-pitak'ate,
le hasita' areo amy kitrelikoy re hivetrake.
[15] Tsi-mete tsy havetrake ze mandafa rae ndra rene. [16] Tsi-mete tsy havetrake
ze mampikametse ondaty, he t'ie naleta'e ke te zoeñe am-pità'eo. [17] Tsi-mete tsy
havetrake ze mamàtse rae ndra rene.
[18] Naho mifañotake t'indaty vaho dasire' ty raike am-bato ty raike ndra lihiñe'e
an-toto-fetreke, f'ie tsy mivetrake, fa mikopake an-tihy, [19] aa naho mitroatse indatiy
naho midraidraitse alafe'e ao am-pitoñoñe, le avotsotse i nandafay, fe havaha'e i
fitoboha'ey vaho tsi-mete tsy hatrafe'e ampara' t'ie jangañe.
[20] Naho fofohe' ondaty an-kobaiñe ty ondevo'e lahilahy ndra ampela, ie mikoro-
mak' am-pità'eo, le toe ho lilovañe. [21] Fa naho mbe mitambeloñe andro roe ndra
raike re le tsy ho liloveñe ka, kanao fanaña'e.
[22] Naho mijoy ty ampela mivesatse t'indaty mifandrapake vaho mahaboloañe ty
ana'e tsy añom-bolañe, fe tsy orihem-boy, le toe ho liloveñe re ami'ty hampanoa' ty
vali' i rakembay vaho hampañondrohe' o mpizakao. [23] F'ie orihem-boy le soloam-
piay ty fiay, [24] fihaino ty fihaino, famotsy ty famotsy, fitàñe ty fitàñe, fandia ty fandia,
[25] soba ty soba, fere ty fere, fofoke ty fofoke.
[26] Aa naho trofahe' ty talè'e ty maso' ondevo'e lahilahy ndra ampela vaho mijoy
aze, le havotso' i talè'ey hidada i ondevoy, ho solo' i masoy. [27] Naho apiro' ty talè
ty nife' ondevo'e ke lahilahy he ampela, le havotsotse i ondevoy; hasolo i nifey ty
fihahà'e.

### *Lili' o Varao*

[28] Naho mitomboke ondaty ty añombe naho mampihomak' aze le tsi-mete tsy ho
retsahem-bato i añombey vaho tsy ho kamaeñe ty nofo'e; fa votsotse ty tompo' i
añombey. [29] Aa naho nilili' i añombey omale ndra fak'omale ty mandronjeronje amo
tsifa'eo ie nampandrendreheñe i tompo'ey, fe tsy kinala' i tompo'ey am-pahetse vaho
mañe-doza amy t'indaty ndra rakemba i añombey, le ho fetsahem-bato i añombey
vaho havetrake i tompo'ey. [30] Fa naho ampañondroheñe drala ka i tompo'ey, le
havaha' i tompo'ey ho fijebañam-piai'e ty amy ze ampañavahañ'aze iaby. [31] Ie
mitombok' ajalahy ndra ampela, le hampañavaheñe an-jaka. [32] Naho mitomboke
ondevo lahilahy ndra ampela ka i añombey le ampañavaheñe volafoty sekele 30 i
tompo'ey vaho retsahem-bato i añombey.
[33] Naho sokafe' t'indaty ty koboñe, he mihaly kadaha fa tsy kapefa'e vaho
mikorovok' ao ty añombe ndra birìke, [34] le ty tompo' i haliy ro hañavake vaho
hañondroke drala ami' ty tompo' i harey, fe aze i matey.

* **21:6** Mpizaka misolo an'Andrianañahare

[35] Naho joie’ ty añombe’ ondaty ty aze, le haleta’ iareo i veloñey naho ho zarae’
iereo roe i vili’ey vaho ifanjarañe i matey. [36] Fe naho nifohiñe te lili’ i añombey
ty mandronje, fe tsy kinala’ i tompo’ey am-pahetse, le havaha’ i tompo’ey añombe
i añombey vaho aze i matey. [37] Naho mampikametse añombe ndra ose t’indaty he
alèta’e ke lentae’e, le hampañavaheñe añombe lime ty añombe raike naho ose efatse
ty ose raike.

# 22

*Lili’ o Fañavahañeo*

[1] Naho zoeñe te mampipoñake ty mpampikametse ie trinabotraboke vaho nave-
trake, le tsy havahan-dio. [2] F’ie nanjiriha’ i àndroy le ho valeam-pate ty lio. Tsi-mete
tsy avahañe, aa ie poi’e, le haletake hasolo i finao’ey. [3] Aa naho tendrek’ am-pità’e
ty nikamere’e, ke te añombe, ke borìke, he añondry: le havaha’e roe.

[4] Ie iandraza’ ondaty ty teteke ndra ty tanem-bahe naho adare’e ama’e o hare’eo
vaho iandraza’e ty tonda’ondaty, le tsi-mete tsy avaha’e boak’an-tete’e ami’ty soa
an-tete’e ao naho an-tanem-bahe’e ao.

[5] Naho mirehetse naho mandakak’ an-drongoñe ty afo vaho mamorototo tsako
navotry ndra mizorazora ke mampianto teteke, le toe havaha’ i namiañe i afoiy.

[6] Naho andivà’ t’indaty an-drañetse ty drala ndra vara hahaja’e; aa ie kamereñe
amy anjomba’ey, le havaha’ i nampikametsey roe t’ie oniñe. [7] Naho tsy oniñe
ka i nampikametsey le hasese mb’an-jaka i tompo-trañoy handohiañe, hera ie ty
nampijom-pitàñe am-baran-drañe’e ao.

[8] Naho eo ty mifandietse ty ami’ ty añombe, he borìke, ke añondry, ke lamba, he
inoñ’ inoñe nimotso, ie atao ty raike te aze, le songa hiatreke mpizaka; vaho hañavake
in-droe amy rañe’ey i nafàm-pizakay*.

[9] Aa naho atolo’ ondaty an-drañetse hambena’e ty borìke ndra añombe, ke
añondry he ze hare, le ie mate, he fere, ke rinoak’ añe tsy nioni’ ondaty, [10] le hanoeñe
fanta am’ IEHOVÀ, añivo iereo roe, te tsy nikamere’ i rañetsey ty hare’ indatiy naho
ho no’ ty tompo’e i fantay vaho tsy hañavake re. [11] Fe naho nikamerañe i rahay le
havaha’e amy tompo’ey. [12] Naho nirimitem-biby, le tsi-mete tsy hendese’e i matey ho
rendreke, fa tsy havaha’e i nijoy.

[13] Naho mìndran-draha an-drañetse t’indaty, he mianto ke te mate, ie tsi-ao-tompo,
le havaha’ i mpìndrañey. [14] Fa naho eo tompo’e le tsy havahañe; naho nifondroeñe
le avaha’ i fondroy.

[15] Naho mañedre somondrara† mboe tsy nifofoeñe t’indaty, ie miolots’ ama’e, le
tsy mahay tsy engae’e ho valie’e. [16] Aa naho ifoneñan-drae’e tsy hanolotse aze, le
tsi-mete tsy hondrohe’e ty fañengan-tsomondrara.

[17] Ko adoke ho veloñe ty mpamòreke.

[18] Ho vonoeñe ze misàhe biby. [19] Havetrake ze manao soroñe amy ze atao ndrahare
naho tsy am’ IEHOVÀ avao.

[20] Ko mamorefore ty renetane ndra mamorekeke aze, amy te niambahiny an-tane
Mitsraime añe ka nahareo.

[21] Ko silofe’ areo ze atao vantotse ndra bode. [22] Aa ie helofe’o vaho mitoreo amako,
le toe ho tsanoñeko ty fitoreo’ iareo; [23] hisolebotse ty haboseko le ho zevoñeko fibara,
le ho remavoiñe o vali’ areoo vaho ho bode o ana’ areoo.

[24] Naho ampisongoe’o ondatikoo ndra ami’ty rarake ama’o ao, ko manao mpamp-
isongo ama’e, le ko angala’o ana’e. [25] Ndra mbia ty andrambesa’o ho tsoake ty saro’

* **22:8** Toe mpizaka misolo an’A’hare † **22:15** Somondra: Tsy nahavany lahy atoy.

ondaty le abaliho aolo’ ty tsofots’ andro, 26 hera zay avao ty fisafora’e naho ty filafin-
tsandri’e te mirotse. Le ie mitoreo amako, hitsanon-dRaho fa mpiferenaiñe.
27 Ko onjirañe o mpizakao, le ko mamàtse ty mpifehe’ ondati’oo.
28 Ko mihenekeneke tsy hibanabana ty lengom-boan-kavokaran-tete’o naho ty
lengom-pipineha’o. Atoloro ahiko ty tañoloñoloña’o. 29 Ano zay ka o añombe’oo
naho o añondri’oo: ho fito andro an-drene’e re vaho atoloro ahiko ami’ty andro
faha-valo.
30 Hondaty miavake amako nahareo; aa le ko kamae’ areo ze nofotse rinimitem-
biby an-kivoke ey, fa ahifiho amo amboao.

# 23

1 Ko minday tolom-boetse, ko manò-pitàñe ami’ty tsereheñe hitaroña’o entam-
bìlañe.
2 Ko orihe’o ty maro hikabo-draha; naho ko mireketse amy màroy handesa’o talily
mampiolake ty hato; 3 vaho ko osihe’o ami’ty kabò’e ty rarake.
4 Ihe mifanojeha ami’ty añomben-drafelahi’o, ndra ami’ty borìke’e nandifike, le tsi-
mete tsy hampolia’o. 5 Naho mifanjò ami’ty borì’ i mpalaiñ’ azoy tafahohok’ ambane’
o kilanka’eo, ko rioñeñe, fa tsi-mahay tsy holora’o hampibalak’ aze.
6 Ko mengohe’o ty fizakañe i rarake ama’oy ty amy naneseha’ey.
7 Mihankaña ami’ty raha tsy to; ko mañoho-doza amo vantañeo naho amo
vañoñeo. Fe tsy ho meako to i tsereheñey.
8 Ko mandrambe vokañe, fa mahagoa ty mahavazoho ty ravoravo, naho
mañamengoke ty saontsi’ o mahitio.
9 Ko forekeke’o ty renetane amy te fohi’ areo ty tron-drenetane, fa ni-renetane an-
tane Mitsraime añe ka nahareo.

### *O Hafitoañeo*

10 Enen-taoñe ty hambolea’o ty tane’o hanontoñe ty voka’e, 11 fe ko irangàm-
pangaly amy faha-fitoy, hitofà’e, hikamà’ ondaty rarake ama’oo; le ho hane’ o bibin-
kivokeo ty nasisa. Ampanahafo amy zay ty tanem-balobo’o naho ty golobon-olive’o.
12 Eneñ’ andro ty hitoloña’o, le hitofa ami’ty andro fahafito, soa te hitofa ka
ty añombe’o naho ty borìke’o vaho ho haha ka ty anam-pitoro’o ampela naho ty
renetane.
13 Ambeno i vinolako rezay, le ko toñone’ areo ty añara’ ze o ndrahare ila’e zao
vaho ko apo’o ho janjiñeñe am-palie’o.

### *Takataka Telo*

14 In-telo ami’ty taoñe ty hanoa’o takataka amako: 15 Hambena’o ty Sabadidake
Mofo po-Dalivay; fito andro ty hikama’o mofo po-dalivay, amy nandiliako azoy,
amy namantañako aze am-bolan-Kofahofay, fa ama’e ty nienga’o i Mitsraime: vaho
tsy hatrefeñe an-tañam-polo raho; 16 le i Sabadidam-pitatahañey, ty lengom-boa’ o
fitoloña’oo, o nambole’o antetekeo; vaho i Takataka-Panontonañey, amy figadoñan-
taoñe anontona’o sabo an-tete’o ao. 17 Homb’ añatrefa’ Iehovà Talè in-telo ami’ty
taoñe ze hene lahilahy.
18 Ko atraok’ an-dio soroñeñe amako ty mofo aman-dalivay le tsy hampialeñeñe
ho sisaeñe hamaray ty havondra’ o famantañakoo.
19 Aseseo mb’añ’anjomba’ Iehovà Andriananañahare’o ty loha’e, toe ty lengom-boan-
tane’o.
Ko ahandroeñe an-drononon-drene’e ty anak’ose.

### *Ty Anjely naho o Fampitamañeo*

20 Ingo, hampiaolòeko ty anjely hañimb’ azo amy lalañey, hanese azo mb’ amy tane
nihalankañekoy. 21 Itaò vaho oriho ty fiarañanaña’e, le ko iolañe, toe tsy hapo’e o

fandilara’ areoo fa ama’e ty añarako. 22 Aa naho toe ambena’o i fiarañanaña’ey
naho anoe’o o itaroñako iabio, le ho rafelahiko o rafelahi’oo vaho hifankalaiñe amo
mpifankalaiñe ama’o raho. 23 Le hiaolo azo i Sorotàkoy hanese azo mb’ amo nte-
Emoreo naho amo nte-Kheteo naho amo nte-Perizeo naho amo nte-Kanàneo naho
amo nte-Kiveo vaho amo nte-Iebòseo mb’eo, fa haitoako.
24 Ko milokoloko amo ‘ndrahare’eo, le ko itoroña’o, ndra mitsikombe o sata’eo; fa
toe ho fonga rotsahe’o vaho ho firae’o o hazomanga’eo.
25 Toroño t’IEHOVÀ Andrianañahare’ areo, le ho tahie’e ty mahakama’o naho ty
rano’o vaho hampihankàñeko ze atao hasilofañe añivo’o ao, 26 le tsy ho aman-
drakemba hañafake ndra ty ho betsiterak’ an-tane’o ao; vaho ho henefeko o andro’oo.
27 Hampihitrifeko hiaolo azo ty fihembañañe ahy, le hampitsamborohotaheko iaby
t’indaty hivotraha’o vaho fonga hampiambohoeko azo o rafelahi’oo. 28 Hiraheko
fanene-bola hiaolo azo hampibaibay o nte-Kiveo naho o nte-Kanàneo naho o nte-
Kheteo aolo’o ey. 29 F’ie tsy hataoko soik’ ami’ty taoñe raike tsy mone hangoakoake
i taney vaho hifamorohotse ama’o o biby hakoo. 30 Ho roaheko boak’ ama’o erike
ampara’ te nihamaro rehe hahalova i taney.
31 Hajadoko boak’ amy Riake Menay pak’ an-dRia’ o nte-Pilistio ty efe-tane’o naho
boak’ amy fatrambeiy pak’amy sakay; le haseseko am-pità’ areo ty mpimoneñe amy
taney haronje’o mb’aolo’o mb’eo. 32 Tsy hifañina ama’e ndra amo ndrahare’eo rehe.
33 Tsy himoneña’e ty tane’o, hera hampanan-kakeo azo amako, fa naho toroñe’o o
‘ndrahare’eo, le toe ho fandrik’ ama’o.

# 24

### *No’ Israele ty Fañina’ IEHOVÀ*

1 Le hoe re amy Mosè, Mionjona mb’ am’ IEHOVÀ mb’etoy, ihe naho i Aharone, i
Nadabe naho i Abiho naho ty fitompolo amo androanavi’ Israeleo vaho mitalahoa ey
nahareo. 2 I Mosè avao ty hañarivo IEHOVÀ, le tsy hañarine ey iereo vaho tsy hindre
ama’e hañambone mb’eo ondatio.
3 Nomb’eo amy zao t’i Mosè nitalily am’ondatio ze hene tsara’ IEHOVÀ naho o
fañè’eo; le songa nanoiñe am-piarañanañañe raike ondatio, ty hoe, Ho henefa’ay
ty tsara iaby nanoe’ IEHOVÀ.
4 Aa le sinoki’ i Mosè o hene tsara’ IEHOVÀo naho nañaleñaleñe namboatse kitrely
am-poto’ i vohitsey vaho nampitroatse anakòreñe folo-ro’amby ty ami’ty ia’ o rofoko
folo-roe-ambi’ Israeleo, 5 le nañiraha’e ajalahy ana’ Israele hibanabana enga horoañe
naho añombe ho sorom-panintsiñañe am’IEHOVÀ.
6 Navì’ i Mosè am-pinga ao ty vaki’ i lioy vaho naretsa’e amy kitreliy ty ila’e.
7 Rinambe’e amy zao i bokem-pañinay le vinaki’e am-pijanjiña’ ondatio; le hoe iereo,
Hanoe’ay ze hene tsara’ IEHOVÀo vaho ho haoñe’ay.
8 Le rinambe’ i Mosè i lioy naho nafitse’e am’ondatio vaho nanao ty hoe, Ingo ty
liom-pañina nanoe’ IEHOVÀ ama’ areo ty amy hene tsara rezay.

### *Mindre aman’Añahare ambone’ i Vohitsey*

9 Niañambone amy zao t’i Mosè naho i Aharone, i Nadabe naho i Abiho vaho
ty androanavy fitompolo’ Israele; 10 le niisa’ iereo t’i Andrianañahare’ Israele; le
hoe linamike safira ty ambane’ o fandia’eo vaho nanahake o likerañeo ami’ ty
fikantsokantsoña’e. 11 Le ie tsy napao-pitàñe amo androanavi’ Israeleo, f’ie nahaisake
i Andrianañahare naho nikama vaho ninoñe.
12 Hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Miañambonea mb’amako mb’etoa, le mitambara atoy,
fa ho tolorako ravem-bato reketse Hake naho lily sinokiko hañòhañe iareo.

13 Aa le niongake t’i Mosè naho Iehosoa mpitoro’e vaho nionjoñe mb’ amy vohin’
Añahare amboney mb’eo t’i Mosè. 14 Le hoe re amy androanavy rey, Liñiso etoan-
jahay, ampara’ ty impolia’ay; ama’ areo t’i Aharone naho i Khòre, hiheova’ ze aman-
kalahatse.
15 Aa le niañambone’ i vohitsey t’i Mosè vaho kinolopo’ ty rahoñe i vohitsey.
16 Nivotrak’ ambohi-Sinay eo ty enge’ IEHOVÀ, le nanaroñe aze eneñ’ andro i rahoñey;
ie ami’ty andro fahafito, nikanjie’e boak’amy rahoñey t’i Mosè. 17 Le nihoe afo
nisolebotse ambone’ i vohitsey ty Enge’ IEHOVÀ am-pihaino’ o ana’Israeleo. 18 Nizilik’
amy rahoñey t’i Mosè, niañambone i vohitsey. Le tambatse am-bohitse ao efapolo
andro naho efapolo haleñe t’i Mosè.

# 25

*Banabana ho a i Kivohoy*

1 Nitsara amy Mosè t’IEHOVÀ nanao ty hoe, 2 Misaontsia amo ana’ Israeleo, ty
hañenga raha amako. Toe ze ondaty manolotse an-tsatri’e ro andrambesañe enga
ho amakoy. 3 Zao ty enga ho rambese’o am’iareo : volamena naho volafoty vaho
torosìke; 4 le manga naho malòmavo naho mena mañabarà naho leny marerarera
vaho volon-ose; 5 le holin’ añondri-lahy linoko mena naho holin-trozofisoitse vaho
mendoraveñe; 6 solike ho amy jiroy, emboke ho amy menake fañorizañey naho
ho amy fañembohañe mandrifondrifoñey; 7 vato sohàme* naho vato soa hapetake
ami’ty kitambe naho ami’ty takon’ araña. 8 Le ampandranjio kivoho himoneñako
am’ iereo ao, 9 hilahatse amy ze he’e hatoroko azo, le ty sare’ i kivohoy naho ty sare’
o harao’e iabio ty handranjia’o aze.

*Ty Vatam-Pañina*

10 Ho tsenè’ iereo ami’ty mendoraveñe ty vata; kiho roe naho tampa’e ty ho
andava’e le kiho raike naho tampa’e ty ho ampohe’e vaho kiho raike naho tampa’e ty
haabo’e. 11 Ipakoro volamena ki’e, ao naho eo ty ampipakora’o aze, le ampiarikoboño
soñi’e volamena ty andrira’e. 12 Iramerameo ravake volamena efatse, le ampireketo
an-kotso’e efatse; ravake roe etia vaho ravake roe atia. 13 Le andranjio baoñe
mendoraveñe vaho ipakoro volamena. 14 Atsorofoto amy ravake añ’ ila’ i vatay rey
i baoñe rey hitarazoañe i vatay. 15 Hadoñe amo ravakeo avao i baoñe rey le tsy
hafahañe. 16 Hajo’o amy vatay i Fañinay, i hatoloko azoy.
17 Itseneo toem-pijebañañe volamena ki’e; kiho roe naho tampa’e ty andava’e vaho
kiho raike naho tampa’e ty ampohe’e. 18 Le andranjio kerobe volamena roe, am-
pipepehañe añ’ ila roe i toem-pijebañañey; 19 kerobe raike etoañe naho kerobe raike
eroañe. Tseneo am-bongam-bolamena raike i toem-pijebañañey naho i kerobe rey.
20 Hamelatse elatse ambone’e i kerobe rey, hanakoñe i toem-pijebañañey an-elatse,
sindre hifañatre-daharañe naho hitolike amy toem-pijebañañey ty lahara’ i kerobe
rey. 21 Apoho ambone’ i vatay boak’ ambone i toem-pijebañañey, le ajoño amy vatay
i Fañinay, i hatoloko azoy, 22 le hihaoñe ama’o raho ambone’ i toem-pijebañañey,
boak’ añivo’ i kerobe roe ambone’ i vatam-pañinay rey naho ho taroneko ze hene ho
lilieko amo ana’ Israeleo.

*Ty Rairay*

23 Mandranjia rairay ami’ty roy, kiho roe ty andava’e naho kiho raike ty ampohe’e
vaho kiho raike naho tampa’e ty haabo’e. 24 Ipakoro volamena ki’e vaho itseneo
soñy ty andrira’e hañarikatok’ aze. 25 Le andranjio rira’e mizehe treham-pitàñe
hañarikatofa’e fehe, vaho tseneo soñy andrira’e hañariary aze. 26 Itseneo ravake

* **25:7** Sohame: vato soa bandieñe

volamena efatse, le areketo an-kotso'e efatse, toe an-tombo'e efatse i ravake rey,
27 ho marine i rira'ey o ravake fitana' o bao-pitakonañe i rairaiio. 28 Ranjio ami'ty
mendoraveñe i baoñe rey vaho ipakoro volamena ho fitakonañe i rairaiy. 29 Le
itseneo fanake volamena ki'e: fioke, endraendra naho fitovy. 30 Le hapoke ambone'
i rairay añatrefako nainai'ey i mofo miatrekey.

### *Ty Fitàn-Jiro*

31 Tseneo am-bolamena ki'e ty fitàn-jiro; pepeheñe i fitàn-jiroy; ho raik' ama'e ty
foto'e rekets' i taho'ey, o korobo'eo, o rava-drave'eo vaho o voñe'eo; 32 ho eneñe
ty tsampa miakatse amo ila'eo, ty tsampa telo' i fitàn-jiroy ty hilosìtse ami'ty ila'e
raike naho ty tsampa telo' i fitàn-jiroy ty hilosìtse añ'ila'e ka; 33 korobo telo hoe
boti-mahabibo ty an-tsampa'e raike songa aman-drava-draveñe naho ravem-boñe, le
korobo telo hoe boti-mahabibo sindre aman-drava-draveñe naho ravem-boñe amy
tsampa tandrife azey; sambe hoe zay i tsampa'e eneñe miakatse ami'ty taho' i fitàn-
jiroy rey.
34 Amy taho' i fitàn-jiroiy ty ho korobo efatse nitsenen-ko sarem-boti-mahabibo
rekets' o rava-drave'eo naho o ravem-boñe'eo. 35 Ami'ty fireketa' ty tsempa'e ki-roe-
roe amy taho'ey ty ho rava-draveñe miray ami'ty tsampa'e roe, ho amy tsampa'e
eneñe rey. 36 Ho raik' amy taho'ey o rava-drave'eo naho o tsampa'eo, aa le ho
vongam-bolamena ki'e raike nipepeheñe i fitàn-jiro fonitsey. 37 Itseneo jiro fito, le
hatsatoke hipasàk' aolo'e mb'eo i jiro rey. 38 Ho volamena ki'e o fiharata'eo naho o
sadrò'eo. 39 Talènta† volamena ki'e raike ty itseneañe aze naho i harao'e iaby rezay.
40 Henteo arè, le itseneao hambañe amy sare'e natoro azo ambohitsey.

# 26

### *I Lamba Fikopokey*
*Avo 36.8 - 38*

1 Tovo'e zay le hanoa'o lamba fañefetse folo i kivohoy, am-pole leny rinorotse mat-
ify naho manga malòmavo naho mena mañabasà; vaho kerobe satam-pamahotse.
2 Sindre ho kiho roapolo-valo' amby ty halava' ty lamba-fañefetse le songa kiho efatse
ty ampohe'e; hamban-jehe'e iaby o fañefe'eo. 3 Lamba-firindry lime ty hifamitrañe
naho lamba-firindry lime ka ty hifamitrañe. 4 Tseneo ravake manga ty andrira
fara' ty namitrañeñe valoha'e naho ravake manga ty andrira fara' ty namitrañeñe
faharoe. 5 Tseneo ravake limampolo ty lamba-firindriy raike vaho tseneo ravake
limampolo andrira fara' i fiharoa'e faharoey, ampanandrifeo o ravakeo. 6 Itseneo
famitrañe volamena limampolo, le ampivitraño amy ravake rey i lamba-firindry rey
le hifampikatoke ho raike i kivohoy.
7 Anjairo lamba-fikopoke am-bolon-ose ho kibohotse hakopoke i kivohoy; ano
lamba-fikopoke folo raik' amby. 8 Sindre telopolo kiho ty halava' ty lamba-fikopoke
vaho songa efatse kiho ty ampohe'e; hindray habey i lamba-fikopoke folo-ro'amby
rey. 9 Ampivitraño ty lamba-fikopoke lime naho ampivitrañeñe ty lamba-fikòpoke
eneñe vaho avaloño mira i fah' eneñey an-tsarira' i kibohotsey. 10 Itseneo ravake
limampolo ty andrira' i lamba-fikopoke fara'e amy fifamitrañañe raikey vaho ravake
limampolo andrira' i lamba-fañefetse fara' i faharoey. 11 Tseneo famitrañe torisìke
limampolo le areketo amy ravake rey i famitrañe rey vaho hikatoke ho raike i
kibohotsey. 12 Ty ila' i fikopa' i kibohotsey milapiy, ty vaki' i lamba-fikopoke sisay,
le haraviravy amboho' i kivohoy. 13 Ty kiho'e etoy naho ty kiho'e eroy, ty sisa' amy
halava' o lamba-fakopa' i kibohotseio ro haraviravy andrindri' i kivohoy etia naho

† **25:39** talenta raike = 30 kilao

aroa hañalok' aze. 14 Tseneo rakok' an-kolits' añondrilahy linoko mena i kibohotsey
le ano holin-trozofisoitse handrakoke ambone'e ka.

*I Rafitsey*

15 Mandranjia varambañe ami'ty mendoraveñe hitroatse amy kivohoy. 16 Folo kiho
ty halava' ty varambañe vaho kiho raike naho tampa'e ty ampohe' ty varambañe.
17 Songa aman-tsatoke roe ty varambañe hamitrañe aze amy rahavave'ey, zay ty
anoañe ze hene varamba' i kivohoy. 18 Aa le andranjio varambañe i kivohoy:
varambañe roapolo ami'ty atimo mañatimo; 19 le tseneo vave'e efapolo volafoty ho
ambane' i varambañe roapolo rey; vave'e roe ty ambane' ty varambañe ho amy
tsato'e roe rey vaho vave'e roe ambane' ty varambañe ila'e ho amy tsato'e roe rey.
20 Ami'ty ila faharoe i kivohoy, i avara'ey, le ty varambañe roapolo, 21 naho ty vave'e
volafoty efapolo; vave'e roe ambane' ty varambañe raike naho vave'e roe ambane'
ty varambañe ila'e. 22 Le tseneo varambañe eneñe ty añ' ila' i kivoho ahandrefañey.
23 Ranjio varambañe roe an-kotso' i kivoho ila'e roe rey; 24 le ifandreketo boak'
ambane pak' ambone, fa hifampipiteke ami'ty ravake raike; songa anoeñe hoe zay
iereo roroe; zay ty ho rafi' i kotso'e roe rey. 25 Aa le valo ty varambañe naho o vave'e
volafotio, vave'e folo eneñ' amby; vave'e roe ambane' ty varambañe valoha'e vaho
vave'e roe ami'ty varambañe manonjohy.

26 Ranjio saka'e mendoraveñe lime ho amo varambañe añ'ila raike i kivohoio,
27 naho saka'e lime ty varambañe añ'ila faharoe' i kivohoy vaho saka'e lime o
varambañe amboho' i kivohoy ahandrefañeo. 28 Haneñateña boak' ami'ty ila'e
pak' ami'ty ila'e ty saka'e añivo'e ao, añivo' o varambañeo. 29 Pakoro volamena o
varambañeo, le itseneo ravake volamena hiziliha' o saka'eo vaho pakoro volamena
o saka'eo.

30 Aa le hatroa'o amy lili'e nanoroañe azo ambohitse eiy i kivohoy.

31 Le trebeho lamba fañefetse am-pole leny niroroteñe matify: manga naho
malòmavo naho mena mañabarà; vaho kerobe an-tsatam-pamahotse. 32 Iradoradò
ami'ty anakòreñe mendorave efatse pinakotse volamena; volamena o porengo'eo,
mitsatoke am-bave'e volafoty efatse. 33 Aradoradò amo porengo'eo i lamba
fañefetsey naho aziliho an-kalo' i lambay i vatam-pañinay, le ho fahera' i lambay
ho anahareo i toe-miavakey amy masi-do'ey. 34 Le hakape'o amy vatam-pañinay i
toem-pijebañañey amy masi-do'ey.

35 Apoho alafe' i lambay i rairaiy vaho tandrife i rairaiy i fitàn-jiroy ami'ty ila atimo'
i kivohoy le hapo'o ami'ty ila'e avaratse i rairaiy.

36 Le tseneo lala-miradorado i kibohotsey ami'ty manga naho malòmavo naho
mena mañabasà am-pole leny rinorotse matify nivahorem-pitrebeke. 37 Le ranjio
anakòreñe mendoraveñe lime i miradoradoy, ipakoro volamena, ho volamena ka o
fiporengo'eo; vaho ampitranaho vave'e lime torisìke.

# 27

*Ty Kitrelim-Pisoroñañe*

1 Tseneo kitrely am-barama mendoraveñe, lime kiho ty halava'e naho lime kiho
ty ampohe'e; hatao efa-mira i kitreliy vaho telo kiho ty haabo'e. 2 Le itseneo
tsifa i hotso'e efatse rey; ho raik' ama'e i tsifa'e rey vaho ipakoro torisìke. 3 Le
andranjio ty fana'e fañafahan-davenoke naho o sadròm-poroha'eo naho o antova'eo,
o firango'eo naho o finga'eo; ano torisìke o harao'e iabio. 4 Le andranjio harato
torisike tsingarakarake; le tseneo ravake torisìke efatse i tsingarakarakey ankotso'e
efatse. 5 Reketo ambane' ty soñi' i kitreliy i tsingarakarakey hahatakara'e ty havaki-
miran-kaabo' i kitreliy mañambane. 6 Andranjio baoñe i kitreliy, baoñe ami'ty

mendoraveñe, le ipakoro torisìke. [7] Aziliho amo ravakeo i bao'e rey le songa
hifamalahañe añ'ila' roe' i kitreliy i bao rey hitarazoañe aze. [8] Itseneo koake am-
barambañe, amy nanoroañ' azo ambohitse eiy ty handranjiañ' aze.

### *Ty Kiririsa i Kivohoy*

[9] Itseneo kiririsa i kivohoy: mb'amy Negeve mañatimo le lamba tinenon-kèreñe
am-pole leny matify ty hiradorado amy kiririsay; zato kiho ty halava'e ami'ty lafe'e
raike; [10] ty anakòre'e roapolo naho ty vave'e torisìke roapolo; ty porengo volafoty
amo anakòreñe naho bandi'eo. [11] Ie ka ty avaratse ami'ty andava'e: ty firadoradoa'e
zato kiho, ty anakòre'e roapolo naho ty vave'e torisìke roapolo vaho o fiporengon'
anakòreñeo naho o bandi'eo am-bolafoty. [12] Le ty ampohe' i kiririsay ahandrefañey,
limampolo kiho ty firadorado'e, folo ty anakòre'e naho folo ty vave'e. [13] Le ty andava'
i kiririsay, limampolo kiho ty añ'ila' i fanjirihañey mianiñànañe. [14] Ty firadoradoa'e
ami'ty ila' i lalambeiy, folo-lime amby kiho, ty anakòre'e telo vaho ty vave'e telo.
[15] Le ty firadorado'e añ' ila'e ka, folo-lime amby naho ty anakòre'e telo vaho ty vave'e
telo. [16] Ty lalambei' i kiririsay, firadoradoañe roapolo kiho: ami'ty manga, malòmavo
naho mena mañabasà vaho leny rinorotse am-pole matify nivahorem-pitrebeke; ty
anakòre'e efatse naho ty vave'e efatse. [17] Songa bandieñe volafoty o anakòre'e
mañohoke i kiririsaio, volafoty o porengo'eo vaho torisìke o vave'eo. [18] Kiho zato
ty andava' i kiririsay naho limampolo ty ampohe'e etoa naho eroa naho kiho lime
ty haabo' o aman-deny rinorotse matifio, vaho o vave'e torisìkeo. [19] Hene torisìke o
fana' i kivohoio amy ze fitoloñañe aze naho o tsato'eo vaho o tsato' i kiririsaio.

### *Ty Fañalahalañe i Jiroy*

[20] Amantoho amo ana'Israeleo ty hinday menak'olive ki'e finofoke hireheta' i jiroy
nainai'e [21] amy kibohom-pamantañañey alafe' i lamba-fañefetse aolo' i fañinaiy,
le ho hajarie' i Aharone naho o ana'eo ty hireheta'e añatrefa' Iehovà boa-kariva
ampara' te porea' ty maraindray: ho fañè amo hene' tariran' ana' Israeleo.

## 28

### *Saro' o Mpisoroñeo*

[1] Le ampiharineo ama'o t'i Aharone rahalahi'o rekets' o ana'eo boak' amo ana'
Israeleo hitoroñe amako ho mpisoroñe: i Aharone, i Nadabe naho i Abiho, i Elazare
naho Itamare—i ana' i Aharone rey.

[2] Anjairo saroñe miavake aman' engeñe naho volonahetse t'i Aharone rahalahi'o.
[3] Le misaontsia amo mahimbañeo, o nikofohako haliforan-kihitseo, hitsene o saro' i
Aharoneo hañorizañe aze hitoroñe ahy ho mpisoroko. [4] Le o saroñe hanoe' iereoo:
ty takon' araña, ty kitambe naho ty saroñ' alafe, ty saroñ' añate vinahotse naho ty
sabaka vaho ty koloty; le hitsenea' iareo saroñe miavake t'i Aharone rahalahi'o naho
i ana'e rey hitoroñ' ahy ho mpisoroñe.

### *Ty Kitambe*

[5] Ho rambese' iereo ty volamena naho ty fole manga naho ty malòmavo naho
ty mena mañabarà vaho ty leny matify, [6] le ho tsenè' iareo am-bolamena naho
fole manga naho malòmavo naho mena mañabarà vaho leny rinorotse matify an-
tsatam-pamahotse i kitambey. [7] Le hanoeñe sazoke ty an-tsoro'e roe mirekets'
ankotso'e roe, hampipitehañe aze. [8] Le ty fiè' i kitambe soa vahotsey ro hindray sata
ama'e : volamena naho manga naho malòmavo naho mena mañabasà vaho fole leny
rinorotse matify. [9] Le angalao vato sohàme roe naho anokiro ty tahina' i ana' Israele
rey; [10] ty tahina' iareo eneñe ami'ty raike le ty tahinañe eneñe sisa ami'ty ila'e, ty
amo hazoke'eo, [11] le sokireñe amy vato roe rey an-tsatam-panoki-bato manahake

ty fanokirañe voli-fitomboke, ty tahina' i ana' Israele rey vaho ampivontitiram-
bolamena. 12 Le apiteho amy sazo' i kitambeiy i vato roe rey ho vato faniahiañe
o ana' Israeleo, le hanoe' i Aharone ega an-tsoro'e roe añatrefa' IEHOVÀ o tahina'
iareoo ho tiahy.
13 Le itseneo fampireketañe volamena an-tsata vanditse, 14 naho anan-tsilisily vola-
mena ki'e roe an-tsata vanditse ty itsenea'o iareo vaho hareketse amo famontitira'eo
i silisili' vinanditse rey.

### *Ty Takon' arañañe*

15 Itseneo takon' arañam-pizakàñe; manahake ty nanoeñe i kitambey ty anoeñ' aze:
le volamena naho fole manga naho malòmavo naho mena mañabaràñe vaho leny
rinorotse matify ty itenoñañ' aze. 16 Efa-mira t'ie avaloñe; zehe raike ty andava'e
naho zehe raike ty ampohe'e; 17 le itsitsiho firiritam-bato efatse; ahiriritse ami'ty
fidadaña'e valoha'e ty odème*, ty pitedà† naho ty barèkete‡; 18 le ty fidadaña'e
faharoe: ty nòfeke§, ty safìra naho ty iàhalòme*; 19 le ty fidadaña'e faha-telo: ty
lèseme†, ty sebò‡ naho ty aklàma§; 20 le ty fidadaña'e fahefatse: ty tarsìse* ty
sòhame† vaho ty iasefà‡: le ampireketañe am-bolamena hampivontititse irezay. 21 Le
i tahinan' ana' Israele folo-ro' amby rey ro amy vato rey; an-tsatan-tsòki-bangem-
pitomboke, songa milahatse ami'ty tahina' ondaty ty amy rofoko folo-ro' amby rey.
22 Le tseneo añ'ila' i takon' arañañey ty silisily volamena hiringiri'e mifamandiban-
ditse. 23 Anefeo ravake volamena roe i takon' arañañey vaho apiteho añ' ila'e roe'
i takon'arañañey i ravake roe rey. 24 Le aziliho amy ravake roe rey i silisily roe rey
añ' ila' roe' i takon' arañañey; 25 le areketo ami'ty fiatrefa' i kitambey, an-tsazo'e, ty
ila'e roe' i silisily roe nivandireñe rey. 26 Anefeo ravake volamena roe vaho areketo
añ'ila roe' i takon' arañañey, an-drira'e, añ'indra'e miatreke i kitambey. 27 Anefeo
ravake volamena roe le areketo ambane' i sazoke roe' i kitambe rey amy fiatrefa'ey
tandrife ty fivitraña'e, ambone' ty fiè' i kitambey. 28 Le rohizo ami'ty fole manga amo
rava'eo amy rava' i kitambey rey i takon' arañañey, hipiteha'e amy fièn-kitambey
soa tsy habalak' amy kitambey i takon' arañañey.
29 Aa le hendese' i Aharone ty tahina' i ana' Israele rey amy takon' arañam-
pizakàñey ambone' ty arofo'e, ie mizilik' amy toe-miavakey, ho faniahiañe nainai'e
añatrefa' IEHOVÀ.
30 Ajò amy takon' arañam-pizakañey ty Orimae§ naho ty Tomimae*; le ho añ' arofo'
i Aharone zay ie mizilik' añatrefa' IEHOVÀ: le ho vavè' i Aharone añ'arofo'e añatrefa'
IEHOVÀ nainai'e ty fizakàñe o ana'Israeleo.

### *O Saro-Mpisoroñañe Ila'eo*

31 Hanoe'o ami'ty manga avao ty saro' i kitambey; 32 añivo'e ty loa' i añamboney;
le ho fahareñe am-pitenoñe miariari' i loakey ty lifi'e manahake ty loake an-tsarom-
piaro, soa tsy ho riatse. 33 Le itseneo sare-voan-dagoa† manga naho malòmavo
naho mena mañabarà hiariary an-drira'e ambane isabadidahañe fikorìñe volamena.
34 Fikoriñe volamena naho ty dagoa vaho ty fikoriñe volamena naho ty dagoa; zay
ty fiariaria'e amy lifin-tsaroñey, 35 le haombea' i Aharone zay naho mitoroñe vaho
ho janjiñeñe ty fikoriña'e ami'ty fiziliha'e an-toe-miavake ao añ' atrefa' IEHOVÀ naho
amo fiakara'eo tsy mone hivetrake.

---

* **28:17** Va'e robie, ami'ty hamena'e † **28:17** Va'e topaze ‡ **28:17** Va'e emarode § **28:18** Va'e garnete
* **28:18** Va'e diamondra † **28:19** Va'e jasinte ‡ **28:19** Va'e agate § **28:19** Va'e ametiste * **28:20** Va'e
berìle † **28:20** Va'e onìkse ‡ **28:20** Jaspera § **28:30** Orimae: ty fireandream-baton-takon'araña' i Aharone.
* **28:30** Tomimae: vilo' ty toe hatò † **28:33** voa: toe ampongambeindañitse

36 Le itseneo takelake volamena ki'e vaho isokiro an-tsatan-tsokim-pitomboke, ty
hoe: Miavake am' IEHOVÀ. 37 Ampireketo amy sabakay an-taly manga; am-piatrefa'
i sabakay ty andreketañ' aze. 38 Ie ho an-dahara' i Aharone, le hivave ze hakeo' o
raha miavake havì' o ana' Israeleo ho enga masi' iareoo t'i Aharone vaho ho nainai'e
an-dahara'e zay soa t'ie ho fankatoavañe iareo añatrefa'IEHOVÀ.
39 Tenoño an-deny marerarera vinahotse i saroñe añate'ey, le tenoño an-deny
maeratseratse i sabakay vaho an-tsatam-pitenoñe ty fiè'e. 40 Amboara'o saroñe
ka o ana' i Aharoneo, le hamboara'o fiètse naho itsenea'o satro-bory ho amam-
bolonahetse naho hatsomerentsereñe. 41 Le aombeo amy Aharone rahalahi'o naho
amo ana'eo; le orizo naho atokaño vaho ambaho, hitoroñe ahiko ho mpisoroñe.
42 Le amboaro koloty leny hanaroñe ty fimeñara' iareo boak' an-tohake pak' am-pè.
43 Ie ho sikine' i Aharone naho o ana'eo naho mimoak' an-kibohom-pamantañañe
ao naho miharine i kitreliy hitoroñe amy miavakey, soa tsy hivave ty fandilovañe
mahavetrake: fañè tsy ho modo ama'e zay naho amo tarira'e mandimbe azeo.

# 29

*Ty Fañorizañe i Aharone naho o Ana'eo*

1 Le zao ty hanoe'o hañeferañe iareo hitoroñe ahy ho mpisoroñe. Andrambeso
bania naho añondrilahy roe tsy aman-kandra; 2 le mofo po-dalivay naho mofo
vonga'e po-dalivay nilaroañe menake vaho mofo pisake po-dalivay hinosotse menake:
nanoeñe ami'ty monam-bare-bolè. 3 Ajoñe ami'ty hàroñe irezay le aseseo mb'etoa
an-karoñe naho i baniay vaho i añondrilahy roe rey.
4 Endeso mb' an-dalan-kibohom-pamantañam-b' etoy t'i Aharone naho o ana'eo
vaho isasao an-drano. 5 Le rambeso i saroñe rey vaho aombeo amy Aharone i sikiñey
naho ty saro' i kitambey naho i kitambey naho i takon' arañañey vaho aombeo ama'e
i fièn-kitambe vinahotsey; 6 le aombeo añ' ambone'e i sabakay vaho asampezo amy
sabakay i viloñe miavakey. 7 Rambeso i mena-pañorizañey le adoaño añ'ambone'e
vaho orizo.
8 Aseseo mb'eo ka i ana'e rey le aombeo am' iereo o saro'iareoo; 9 le ampidiaño
fiètse t'i Aharone naho o ana'eo, le feheo am' iereo o sabakao; ie fañe nainai'e tsy
modo ho a iareo i fisoroñañey.
Le orizo t'i Aharone naho o ana'eo. 10 Aseseo aolo' i kibohom-pamantañañey i
baniay le hanampe fitàñe andoha' i baniay t'i Aharone naho o ana'eo. 11 Le lentao
añatrefa' IEHOVÀ i baniay, an-dalan-kibohom-pamantañañe eo. 12 Andrambeso ty
lio' i baniay le apetaho an-drambo-pità'o amo tsifan-kitrelio vaho adoaño am-poto'
i kitreliy iaby ze lio sisa. 13 Le rambeso o safo'e mañohoñe o aova'eoo naho ty ova
mipetak' ambone' i ate'ey, ty tsapavoa'e roe reke-tsafo'e vaho orò amy kitreliy. 14 Le
sodoro añ'afo alafe' i tobey ty vata' i baniay naho ty holi'e vaho ty tai'e. Soron-kakeo
zay.
15 Rambeso amy zao ty añondrilahy, le hampitongoa fitàñe ami'ty loha' i
añondrilahiy t'i Aharone naho o ana'eo; 16 Le lentao i añondrilahiy naho rambeso ty
lio'e vaho afitsezo amy kitreliy añariary aze. 17 Lilio i añondrilahiy, sasao o aova'eo
naho o tombo'eo le asampezo amo linilio naho amy loha'ey, 18 fonga soroño amy
kitreliy i añondrilahiy, ho enga horoañe am' IEHOVÀ; hàñitse mandrifondrifoñe,
nisoroñañe añ'afo am' IEHOVÀ.
19 Rambeso ka i añondrilahy raikey, le hanampe-pità' amy añondrilahiy t'i Aharone
naho o ana'eo. 20 Lentao amy zao i añondrilahiy; le andrambeso ty lio'e naho atenteno
andengon-dravembia havana' i Aharone naho andengon-dravembia havana' o ana'eo
naho an-tondrobeim-pitàn-kavana naho an-tondrobeim-pandia havana' iareo vaho
afitsezo añ'ariari' i kitreliy i lio'ey. 21 Andrambeso ty lio amy kitreliy naho i menake

fañorizañey, le afitsezo amy Aharone naho an-tsaro'e naho amo ana'eo naho an-tsaro' o ana'e mindre ama'eo; le hiavake re naho o saro'eo naho o ana'e mindre ama'eo vaho o saron' ana'eo.
22 Rambeso ka ty safo' i añondrilahiy naho ty hofa'e naho ty safo'e mañohok' o ova'eo naho ty lengon' ate'e, ty voa'e roe reketse ty solik' ama'e vaho ty tso'e havana, ie añondrilahy fitokanañe; 23 le ty mofo vonga'e naho ty mofomamy nihosorañe menake vaho ty mofo pisake boak' an-karo' o mofo po-dalivay añatrefa' IEHOVÀO; 24 le apoho am-pità' i Aharone naho an-tañan' ana'e irezay vaho ahelakelaño ho engan-kelahela añ' atrefa' IEHOVÀ. 25 Rambeso am-pità' iareo zay vaho orò amy kitreliy ambone' i enga horoañey ho hàñitse mandrifondrifoñe añ'atrefa' IEHOVÀ ho soroñe añ'afo amy IEHOVÀ.
26 Le rambeso ty tratra' i añondrilahim-pitokana' i Aharoney vaho ahelakelaño ho engan-kelahela añ'atrefa' IEHOVÀ, ie o anjara'oo. 27 Aa le aviho ty tratra' i engan-kelahelay naho i feim-pitokanañey, i nahelahelay vaho i navoañe boak' amy añondrilahim-pitokanañeiy, ho anjara' i Aharone naho o ana'eo; 28 ie ty anjara' i Aharone naho o ana'eo, ho fañè nainai'e boak' amo ana' Israeleo, zay ty fanolora' o ana' Israeleo boak' amo engam-panintsiña' iareoo, toe o engan-kavoa' iareo am' IEHOVÀO.
29 Le ho limbezañe amo ana'e manonjohy azeo o saro-masi' i Aharoneo, horizañ' ama'e iereo vaho ho tokanañ' ama'e. 30 Ho sikina' i anadahy mandimbe aze ho mpisoroñe fito àndroy zay, ie mimoak' amy kibohom-pamantañañey hitoroñe amy miavakey.
31 Rambeso i añondrilahim-pitokanañey le ahandrò an-toe-miavake ao o hena'eo; 32 vaho ho kamae' i Aharone naho o ana'eo ty hena' i añondrilahiy naho i mofo an-karoñey, an-dalan-kibohom-pamantañañe ao. 33 Ho kamae' iereo o raha nanoeñe fañeferañeo, hanokanañe naho hampiavahañe iareo; fe tsy hikama' ze alafe'e ao amy te miavake. 34 Aa naho eo ty tsy ri'e amy henam-pañorizañey, ndra amy mofoy, ie miporea' ty maraindray, le horoa'o añ'afo ao i sisay; tsy ho kamaeñe fa miavake.
35 Zay ty hanoe'o amy Aharone naho amo ana'eo, i hene nandiliako azoy. Fito andro ty hanokanañe iareo. 36 Le hentseño boak' andro ty bania ho soron-kakeo fañeferañe. Ho lioveñe i kitreliy, le hefero vaho orizo hampiavahañe aze. 37 Fito andro ty hañefera'o i kitreliy hañavak' aze vaho hiava-do'e i kitreliy. Hiavake ze hene mitsapa i kitreliy.

### *O Soroñe Boak' Androo*

38 Zao ty hisoroña'o amy kitreliy: vik'añondry roe boak' andro nainai'e.
39 Hengae'o maraindraiñe ty vi'e, le hisoroñañe folakandro ka ty vi'e.
40 Hampindreze'o soroñe amy vi'e valoha'ey ty mona'e faha-folo ty *efà linaro menake linisañe fahefa' ty †hine vaho divay fahefa' ty hine ho enga-rano. 41 Le hisoroña'o folakandro ka ty vi'e raike; le ampanahafo amy enga-mahakama naho amy enga-rano' i maraindraiñeiy, ho hàñitse mandrifondrifoñe, enga horoañe am' IEHOVÀ.
42 Ho enga horoañe nainai'e zay amo hene tarira' areo mifandimbeo, amy lalan-kibohom-pamantañañey, añatrefa' IEHOVÀ, amy hifañaoñan-tikañe naho fitaroñako ama'oy. 43 Eo ty hifañaoñako amo ana' Israeleo le hampiavahe' ty engeko i toetsey.
44 Ho tokaneko i kibohom-pamantañañey naho i kitreliy vaho horizako ka t'i Aharone naho o ana'eo hitoroñ' ahy ho mpisoroñe.
45 Le himoneñe amo ana'Israeleo raho vaho ho Andrianañahare' iareo. 46 Le ho fohi' iareo te Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' iareo ro nañavotse iareo an-tane Mitsraime añe himoneñako am' iereo ao. Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' iareo.

* **29:40** efà raike=2,5 litatse † **29:40** hine = 5,6 litatse

# 30

*Kitrelin' emboke*

[1] Andrafito kitrely, toem-pañembohañe; mendoraveñe ty itsenea'o aze. [2] Ho kiho
raike ty andava'e naho kiho raike ty ampohe'e, ho efa-mira, kiho roe ty haabo'e
vaho raik' ama'e o tsifa'eo. [3] Ipakoro am-bolamena ki'e: ty ambone'e naho o
ila'e mañarikatok' azeo naho o tsifa'eo vaho itefeo soñi'e volamena hamahetse aze.
[4] Anefeo ravake volamena roe ambane' i soñi'ey, le añ'ila'e roe ty itsenea'o iareo
ho fitanañe o bao-pitakonañeo. [5] Rafito ami'ty mendoraveñe o bao'eo le ipakoro
volamena; [6] le apoho aolo' i lamba-fañefe' i vatam-pañinay aolo' i toem-pijebañañe
fikape' i fañinay, amy hifañaoñako ama'oiy.

[7] Hañoro emboke mañitse ama'e boa-maraindray t'i Aharone; ie mañalahala jiro ro
hañemboke ama'e. [8] Hañembok' ama'e ka t'i Aharone amy fameloman-jiro harivay,
le ho nainai'e añatrefa' IEHOVÀ amo hene tarira' areo mifandimbeo i embokey. [9] Ko
mañenga emboke ila'e ama'e, ndra enga horoañe, he mahakama, le ko añiliña'o
engan-drano.

[10] Le hañefetse amo tsifa'eo boa-taoñe t'i Aharone, ami'ty lion-tsoron-kakeo-
pañeferañey, indraike boa-taoñe amo tarira' areo mifandimbe iabio, t'ie añeferañe.
Miava-do'e amy IEHOVÀ zay.

*Drala Vili-aiñe*

[11] Le nanao ty hoe amy Mosè t'IEHOVÀ: [12] Ihe mamolily o ana-dahi' Israeleo ami'ty
ia' iareo, le songa hanolotse ty vilin'ai'e amy IEHOVÀ amy fañiahañey, tsy mone
hisilofañ' angorosy ty amy famoliliañey. [13] Sindre hanolotse zao te iaheñe: ty vakin-
tsekele ty amy* sekelen-toe-mivakeiy (roapolo gerà ty sekele raike). Ho banabana am'
IEHOVÀ i vakin-tsekeley. [14] Ze hene niaheñe roapolo taoñe mañambone ro hañenga
am' IEHOVÀ. [15] Ie mañenga i vilin' aiñey am' IEHOVÀ, le tsy hanolotse maro ty
mpañaleale vaho tsy hanolotse ambane' i vakin-tsekeley ty rarake.

[16] Ho rambese'o amo ana' Israeleo i bogadim-bilin' aiñey vaho havì'o ho
fitoroñañe i kibohom-pamantañañey; le ho tiahy amo ana' Israeleo añatrefa' IEHOVÀ,
hijebañañe anahareo.

*I Fanasañey*

[17] Le nanao ty hoe amy Mosè t'IEHOVÀ, [18] Anefeo fanasàñe torisìke reke-poto'e
torisìke, ho fisasàñe, le apoho añivo' i kibohom-pamantañañey naho i kitreliy
zay vaho añiliño rano, [19] le boak' ama'e ty hanasà' i Aharone miroanake fitàñe
naho fandia. [20] Ie mimoak' amy kibohom-pamantañañey ndra mañarine i kitreliy
hitoroñe, hañoro enga am' IEHOVÀ, ro hisasa an-drano hey tsy mone hikenkañe; [21] le
hanasa fitàñe naho fandia tsy mone hivetrake. Ho fañè tsy modo ho a iareo—ho aze
naho o hene tarira'e mifandimbeo.

[22] Nitsara amy Mosè t'IEHOVÀ, nanao ty hoe: [23] Rambeso ty emboke soa jinoboñe: ty
ron-drame† limanjato naho ty kanely mañitse vaki' izay: roan-jato tsy limampolo, le
varemañitse roan-jato tsy limampolo, [24] le ty roi-mañitse limanjato amy sekelen-toe-
miavakey vaho menak' olive hine raike. [25] Le ano menake fañorizañe miavake i raha
rey, raha mañitse aharo an-tsata' o mpanao tsòtseo, ho mena-pañorizañe miavake.
[26] Ie ty hañoriza'o i kibohom-pamantañañey naho i vatam-pañinay, [27] i rairaiy naho
ze hene fanake naho i fitàn-jiroy naho o harao'eo vaho i kitrelim-pañoroañ' embokey,
[28] ty kitrelim-pisoroñañe naho o harao'e iabio vaho i fanasàñey rekets' i foto'ey.
[29] Atokano ho loho masiñ' irezay; miavake ze mitsapa aze. [30] Le horiza'o ty Aharone
naho o ana'eo hamìha'o hitoroñe ahy ho mpisoroko.

---

* **30:13** Sekele raike = 10 grama † **30:23** Heb; miora

[31] Le ty hoe ty hatao'o amo ana' Israeleo: Itoy ty mena-pañorizañe miavake
amako amo hene tarira' areo mifandimbeo. [32] Tsy ailiñe an-tsandri' ondaty, le tsy
tsikombeñe ty fampitraofañe aze, fa miavake, vaho havahe' areo. [33] Ze mampilaro
manahak' aze, ndra mañiliñ' aze am'ondaty ila'e, ro haitoañe am'ondatio.

*I Embokey*

[34] Le hoe t'Iehovà amy Mosè: Rambeso o emboke mañitse zao: ‡sike-mañitse naho
§sabiba naho *taven-tsike; naho †tsotse-foty ki'e, i raha mañitse rezay; le ampimirao
lanja. [35] Le mitsenea emboke, am-pilaroañe, satam-panao emboke, siraeñe, malio
naho miavake. [36] Lisano ho bo'e ty ila'e, le ano aolo' i fañinay an-kibohom-
pamantañañ' ao ty ila'e, amy hifañaoñako ama'oy, loho miavake ama' areo zay.
[37] Le i emboke tsenè'oy, tsy hanoe' areo ho am-batañe amy filaroa'ey, fa miavake
am' Iehovà ho anahareo zay. [38] Haitoañe am'ondati'eo ze mitsene ty hambañ' ama'e
hañantsoña'e.

# 31

*O Mpamboatseo*

[1] Le nanao ty hoe amy Mosè t'Iehovà: [2] Ingo, fa kinoiko amy tahina'ey ty Betsalale
ana' i Ory, ana' i Kore, fifokoa' Iehodà; [3] le niliforako amy Arofon' Añaharey,
aman-kihitse naho hilala hahafohina'e ze hene satam-pitoloñañe, [4] ie hamoroñe
sarem-pitoloñañe naho hitoloñe ami'ty volamena naho volafoty vaho torisìke; [5] le
hampireketse vato vinàñe naho handranjy an-katae vaho hifanehake amy ze hene
tolon-draha.

[6] Inao te zaho, le zaho ty nanolotse aze ho mpiama'e t'i Oholiabe ana' i Akisamake,
fifokoa' i Dane; le songa tinoloko hihitse an-troke ze mahihi-tro, hitsene i nandiliako
azo rezao: [7] i kibohom-pamantañañey, i vatam-pañinay rekets' i toem-pijebañañe
mitakoñe azey naho o harao' i kivohoio [8] le i rairaiy rekets' o fanakeo, i fitàn-
jiro ki'ey rekets' o harao'e iabio vaho i kitrelim-pañembohañey; [9] naho i kitrelim-
pisoroñañey reketse ze hene harao'e naho i fanasàñe reke-poto'ey, [10] le o fisikiñe
vinahotseo; o saro-miava' i Aharone mpisoroñeo naho o saro' o ana'eo hitoloña'
iareo ho mpisoroñeo, [11] le i mena-pañorizañey vaho i emboke mandrifondrifoñe ho
a i miavakeiy vaho hanoe' iareo ze hene nandiliako azo.

*O Sabatao*

[12] Hoe ty natovo' Iehovà amy Mosè: [13] Saontsio amo ana' Israeleo ty hoe:
Toe hambena'areo o Sabatakoo,
amy te ie ty viloñe* añivontika
amy ze hene sa' areo.
hahafohina' areo te Zaho, Iehovà
ro Mpamike anahareo ho ahiko.
[14] Aa le tambozoro o Sabatao
amy t'ie miavake ama' areo.
Havetrake ze manivativa aze,
haitoañe am'ondatio ze mitolon-draha ama'e.
[15] Eneñ' andro ty fitoloñañe
fa masiñe am' Iehovà ty andro fahafito,
ty Sabotsem-pitofàñe;
toe havetrake ze manao tolon-draha
ami'ty andro Sabotse.

‡ **30:34** sike-mañitse: natafa § **30:34** sabiba: sekehailete * **30:34** taven-tsike: kelbenaha † **30:34** tsotse-foty: lebonaha * **31:13** Iek 20:12,20

16 Aa le hitàñe o SABATAO o ana' Israeleo; hambena' iareo o SABOTSEO
amo hene tarira' iareo mifandimbeo
ho fañina nainai'e tsy modo.
17 Viloñe nainai'e añivoko naho o ana' Israeleo zay
amy te eneñ' andro ty nitsene' IEHOVÀ
o likerañeo naho ty tane toy
naho nitroatse amy andro fahafitoy
vaho nitofa vaho nitomambao.
18 Aa ie nagado'e i nitsara'ey le natolo'e amy Mosè ambohi-Sinay i rave' i Fañinay
roe rey, ravem-bato sinoki' ty rambom-pitàn'Añahare.

# 32

*I Bania Volamenay*

1 Aa naho nirendre' ondatio te nalaom-pizotso boak' ambohitse añe t'i Mosè, le
niropak' amy Aharone ondatio nanao ty hoe, Miongaha, andranjio ndrahare zahay,
hiaolo anay; fa i Mosè zay, indaty ninday antika niavotse an-tane Mitsraimey, nofi'ay
ty nizò aze.
2 Aa hoe t'i Aharone am' iereo, Apitsoho an-tsofim-bali' areo naho amo ana-dahy
naho anak' ampela' areoo o bange volamenao, le endeso amako. 3 Aa le napitso'
ondaty iabio o bange volamena an-dravembia' iareoo vaho nendese' iereo mb' amy
Aharone mb'eo. 4 Rinambe'e am-pità' iareo naho nitsene'e amam-pisokirañe naho
namboare'e bania nitranaheñe, vaho hoe iereo, Intoy o ndrahare'oo, ry Israele, i
ninday azo niakatse an-tane Mitsraimey.
5 Aa naho nioni' i Aharone, le nandranjy kitrely aolo'eo vaho nikoike ty hoe:
Hamaray ty ho takataka am' IEHOVÀ. 6 Le nitroatse maraindrain-tsikiake iereo te loak'
andro nisoroñe naho nanese engam-panintsiñañe; le niambesatse ondatio nikama
naho ninoñe vaho niongake le nihisa.
7 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Akia mizotsoa! Fa naniva vatañe ondaty nendese'o
niavotse an-tane Mitsraimeo 8 fa nivike aniany amy làlañe linilikoy; ie nampitranake
sare bania naho nitalahoa'e naho nisoroña'e vaho nanao ty hoe, Intoy o ndrahare'oo,
ry Israele, i ninday azo nienga an-tane Mitsraimey!
9 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Fa nitreako ondatio; inao! toe ondaty gam-pititia! 10 Ie
amy zao, angao raho, hiforoforoa' ty haboseko, ho forototoeko, vaho ihe ty hanoeko
foko ra'elahy.
11 Fe niambane am' IEHOVÀ Andrianañahare'e t'i Mosè nanao ty hoe: Ry IEHOVÀ,
ino ty isolebora' ty fifombo'o am'ondati'o nindese'o niakatse an-tane Mitsraime
añe an-kaozaran-dra'elahy vaho an-kafatraram-pitàñeo. 12 Aa vaho tsy hatao' o
nte-Mitsraimeo ty hoe te Nakare'e hijoia'e, hañohofa'e loza ambohitseo vaho ho
mongore'e an-tane atoy? Iambohò o fifombo'o miloroloroo vaho ferenaiño tsy
hampianto ondati'oo. 13 Tiahio i Avrahame, Ietsàke vaho Israele mpitoro'o nifantà'o
am-pañova'o naho nitsara'o ty hoe: Hampitomboeko ho mira amo vasian-dikerañeo
ty ia' o tarira' areoo naho ze hene tane nivolañeko te hatoloko an-tarira' areo vaho
ho lovae' iareo nainai'ey.
14 Aa le niheve' IEHOVÀ ty fandrotsahañe nisafirie'e hanoeñe am'ondati'eo.
15 Nitolik' amy zao t'i Mosè nizotso amy vohitsey, am-pità'eo i ravem-bato roe'
i fañinay rey, rave'e sinokitse ami'ty lafe'e roe, aolo'e vaho amboho'e. 16 Sàtan'
Añahare i rave'e rey vaho sokin' Añahare i sokitse finandrak' amo rave'eoy.
17 Ie jinanji' Iehosoa ty korà' ondatio ami'ty fikontsiaña'e le hoe re amy Mosè: Hoe
fikorahan'aly ty an-tobe ao. 18 Fa hoe re, Tsy ty fitreñam-pandrebake naho tsy ty
fangoihoia' o giokeo, fa ty fivolam-pihisa ty tsanoñeko.

19 Aa ie narine i tobey naho nahaisake i baniay naho i tsinjakey, le niforoforo
ty haviñera' i Mosè naho navokovokom-pità'e i rave'e rey le nivolentsa am-poto'
i vohitsey. 20 Rinambe'e i bania tsinène' iereoy le tineno'e añ'afo ao naho nilisane'e
ho deboke naho nafitse'e an-tarehe' i ranoy vaho nampinome'e o ana' Israeleo.
21 Le hoe t'i Mosè amy Aharone, Ino ty nanoa' ondaty retia te nampanoe'o hakeo
jabajaba hoe zao. 22 Aa hoe t'i Aharone, Ko anga'o hangosasàke ty fifombo' i talèkoy;
fohi'o ondatio, te raty tsereke. 23 Ie nanao ty hoe amako, Itseneo ndrahare hiaolo
anay; fa i Mosè zay, indaty ninday anay niavotse an-tane Mitsraimey, nofi'ay ty nizo
aze. 24 Le nanoako ty hoe, Ze am-bolamena, afaho; natolo' iereo le nafetsako añate-
afo ao vaho niboake ty bania tia.
25 Aa naho nioni' i Mosè te nitsamborohotake ondatio (amy t'ie nampidadae' i
Aharone hitsikiha' o rafelahi' iareoo), 26 le nijohañe am-pizilihañe an-tobe ao t'i Mosè
nanao ty hoe, Ze mpiam' IEHOVÀ, mb' amako mb' etoa! Le hene nifanontoñe ama'e
o ana' i Levio. 27 Le hoe re am' iereo, Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: Songa
mañombea fibara añ'ila'e, le mibelobeloa boak' an-dalambey pak' an-dalambei'
ty tobe toy le manjevoña: sindre an-drahalahi'e, songa an-drañe'e vaho fonga
an-dongo'e. 28 Aa le nanoe' o ana' i Levio i nisaontsia' i Mosèy vaho miha-telo
arivo t'indaty nikoromak' amy andro zay. 29 Aa hoe t'i Mosè, Fa nanokam-batañe
am' IEHOVÀ nahareo anindraoany, amy te fonga niatreatre anadahy naho rahalahy,
hanoloram-pitahiañe ama' areo anito.
30 Ie amy loak' àndroy, hoe t'i Mosè am' ondatio, Inao! Inahareo 'nio, fa nandilatse
an-kakeo jabajaba! aa le hiañambone mb' am' IEHOVÀ mb'eo hey raho; hera
hahafijebañe i tahi' areoy. 31 Aa le nibalike mb'am' IEHOVÀ mb'eo t'i Mosè nanao
ty hoe, Hoy Aba! ty habey hakeo' ondatio te namboatse ndrahare volamena. 32 Aa ie
henane zao naho mete, apoho ty tahi' iareo, fa naho tsie, faopaoho amy boke sinoki'oy
ty añarako. 33 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ze nandilatse amako, ie ty ho faoheko amy
bokekoy. 34 Aa le akia hey, Iaolò mb' amy toetse natoroko azoy mb'eo ondatio; hehe,
hiaolo azo i irakoy vaho amy andro fitilihañey ty hampitilihako i tahi' iareoy. 35 Aa
le nahitri' IEHOVÀ am'ondatio ty angorosy ty amy bania namboare' iereoy, i tsinene'
i Aharoney.

# 33

*Linily Hienga i Sinay*

1 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Mionjona, angao ty atoy, ihe naho ondaty
nampiavote'o an-tane Mitsraimeo, homb' an-tane nifantàko amy Avrahame, am'
Ietsàke naho am' Iakòbe ami'ty hoe: Hatoloko amo tarira'oo zay. 2 Le hahitriko hiaolo
anahareo t'i Sorotàko, handroahako i nte-Kanàney, i nte-Amòrey naho i nte-Kìtey
naho i nte-Perìzey, i nte-Kìvey vaho i nte-Iebòsey, 3 mb'an-tane kararahen-dronono
naho tantele añe; fa tsy hionjom-beo añivo'o ao raho kera habotseko an-dalambey,
ie ondaty gan-katoke.
4 Ie nahajanjiñe i tsara maràñe zay ondatio le nangoihoy vaho tsy ama'e ty
niravake, 5 amy natao' IEHOVÀ amy Mosè ty hoe, Ano ty hoe o ana' Israeleo: Ondaty
gam-pititia nahareo; aa naho nihelatse añivo' areo ao raho tsy ho nagodrako aniany
hao? Ko miravak' arè, hisafiriako ty hanoako. 6 Aa le hinalo' o ana' Israeleo am'iereo
ze ravake naho bange ambohi-Koreba.

*Ty Kivoho Alafe' i Tobey Ey*

7 Ie amy zay, nendese' i Mosè i kibohoy vaho naore'e alafe' i tobey, lavitse i tobey
eñe, le nitokave'e ty hoe kibohom-pamantañañe. Aa le songa niavotse mb' amy
kivohom-pamantañañe alafe' i tobey eiy ze nipay IEHOVÀ.

8 Aa naho nienga mb’amy kibohotsey mb’ eo t’i Mosè, le hene niongake ondatio
sambe nijohañe an-dala’ i kiboho’ey nandrèndreke i Mose ampara-piziliha’e an-
kibohotse ao. 9 Aa naho nizilik’ an-kibohotse ao t’i Mosè, le nizotso mb’eo i rahoñe
nijoalay nijohañe an-dala’ i kibohotsey, le nifanaontsy amy Mosè t’IEHOVÀ. 10 Ie
hene nahaisake i rahoñe nijoalay nijohañe an-dala’ i kibohotsey ondatio le sindre
niongake ondatio vaho songa niambane an-dalan-kiboho’e. 11 Vaho nifanaontsy am-
piatrefan-daharañe t’IEHOVÀ naho i Mosè, manahake ty fifañòhahohàm-pirañetse.
Aa ie nimpoly mb’an-tobe mb’eo, tsy nienga i kibohoy ty ajalahy atao Iehosoa ana’ i
None mpitoro’e.

*Ty Fañalañalaña’ i Mosè*

12 Hoe t’i Mosè am’ IEHOVÀ: Ingo, i tsinara’o amako ty hoe: Ampionjono ondaty
retoa; fa tsy nampandrendrehe’o ahy o hampindreze’o amakoo. Fa nanao ty hoe
Rehe, Fantako ami’ty tahina’o rehe vaho isoheñe am-pivazohoako. 13 Aa naho
nitendreke fañisohañe am-pihaino’o raho le mihalaly ama’o, Atorò ahy o lala’oo,
haharendrehako Azo, hahazoako falalàñe am-pihaino’o vaho ereñerèño te ondati’o
ty fifeheañe toy.

14 Le hoe re: Hindre lia ama’o ty fiatrefako vaho hampitofàko. 15 Aa le hoe ty
navale’e: Naho tsy hiaolo anay ty fiatrefa’o le ko ampionjone’o boak’ etoa. 16 Aa
ino ty hahafohinako henaneo t’ie nitendreke fañisohañe am-pihaino’o, zaho naho
ondati’oo, lehe tsy mindre ama’ay rehe? ie hampiavaheñe amy ze hene ondaty
ambone’ ty tane atoy, zaho naho ondati’oo?

17 Hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Toe hanoeko ka o sinaontsi’o anianio; amy te ihe
nahaisa-pañosihañe am-pañenteako, toe fantako ami’ty añara’o.

18 Le hoe re, Mihalaly ama’o, Ehe aboaho amako ty asi’o.

19 Le hoe re: Hene hampiarieko añatrefa’o ty hasoako naho ho taroñeko aolo’o eo ty
tahinañe ty hoe IEHOVÀ; le hisoheko ze hisoheko vaho ho tretrezeko ze ho tretrezeko.
20 Hoe ka re: Tsy mete hañisake ty tareheko rehe; amy te tsy ho veloñe t’indaty
mahaisak’ aze. 21 Aa hoe t’IEHOVÀ, Ingo ty toetse marine’ ahy etia, mijohaña amo
vatoo; 22 vaho ie miary eo ty engeko le hifireko an-tsifitsifi’ o vatoo rehe naho ho
lombofa’ ty tañako t’ie miary; 23 le hasintako amy zao ty tañako vaho ho isa’o ty
vòhoko fe tsy isaheñe ty tareheko.

# 34

*Ravem-bato Vao*
*Its 10.1-5*

1 Hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Amakio ravem-bato roe hambañe amy teo rey, le ho
sokireko amy rave’e rey i tsara sinokitse amy rave’e valoha’e nifoie’o rey. 2 Aa le
mihentseña ho ami’ty maraindray naho mañambonea mb’ambohi’ Sinay mb’etoa
te maray vaho miatrefa amako andengo’ i vohitsey. 3 Le tsy hindreze’ ondaty
t’ie miañambone, le ko anga’o ho isake ndra aia’ aia ambohitse ey t’indaty, le ko
ampiandrazeñe aolo’ i vohitsey o mpirai-liao naho o añombeo.

4 Aa le nampitsilake ravem-bato roe hambañe amy teo rey vaho nitroatse
maraindrai-tsikiake t’i Mosè niañambone’ i Vohi-Sinay mb’eo, amy nandilia’ IEHOVÀ
azey le notroñe’e am-pità’e ao i ravem-bato roe rey.

5 Nizotso an-drahoñ’ ao t’IEHOVÀ vaho nitrao-pijohañe ama’e nikoike ty tahina’
IEHOVÀ. 6 Le niary aolo’e t’IEHOVÀ nikoike ty hoe: IEHOVÀ, IEHOVÀ, Andrianañahare,
mpiferenaiñe naho matarike, malaon-kaboseke, miotrotro an-kasoa naho hatò,
7 mitan-kafatraram-pikokoañe ami’ty arivo’e, le mampipoke hila naho tahiñe vaho

fiolàñe, f'ie tsy hadoko tsy ho liloveñe[*], fa hafetsako amo anakeo naho amo ana' o
anakeoo ty hakeon-droae pak' ami'ty faha telo naho fahefatse.
8 Aa le nalisa nibokok' an-tane t'i Mosè niambane. 9 Le hoe re: Naho nahatendreke
hasoa am-pivazohoa'o, ry Talè, le mihalaly aman-Talèko t'ie hañavelo añivo'ay ao.
Toe gam-pititia ondaty retiañe, fe apoho o hakeo'aio naho o tahi'aio vaho rambeso
ho hanaña'o.
10 Le hoe re, Ingo, te manao fañina añ'atrefa' ondati'o iabio raho; Hanoako
raha tsitantane mboe lia'e tsy nanoeñe an-tane atoy ndra am-pifeheañe aia; le
songa hahaisake ty fitoloña' IEHOVÀ ama' areo ondaty mañohok' azoo, fa ho raha
mampañeveñe ty hanoeko añama'o.
11 Ambeno koahe o andiliako azo anitoo. Inao! ho roaheko añatrefa'o i nte-Emorey
naho i nte-Kanàney naho i nte-Khetey naho i nte-Perizey naho i nte-Kivey vaho i nte-
Iebosey. 12 Mitomira, tsy mone hanao fañina amo mpimone' i tane añaveloa'oio kera
ho fandrik' añivo'o ao. 13 Fe rotsaho ty kitreli' iareo, le pozaho o hazomanga'eo vaho
firao o Aserà[†]' iareoo 14 le ko mitalaho aman-drahare ila'e, amy te Andrianañahare
mpamarahy t'IEHOVÀ, toe Mpamarahy ty tahina'e. 15 Kera hifañina amo mpimone'
i taneio rehe, le hañarapilo amo ndrahare'eo iereo naho hisoroñe amo ndrahare'
iareoo naho hañambara azo hikama'o i nisoroñañey, 16 naho hangala'o amo anak'
ampela' iareoo ho amo anadahi'oo naho hañarapilo amo ndrahare' iareoo o anak'
ampela' iareoo, hampañarapilo o anadahi'oo amo ndrahare' iareoo.
17 Ko ampitranaha'o saren-drahare,
18 Ambeno ty Sabadidake Mofo Po-dalivay: Fito andro ty hikama'o mofo tsy aman-
dalivay; i nandiliako azoy, amy namantañañe aze am-bolan-kofahofay; fa amy volan-
kofay ty niakara'o i Mitsraime. 19 Hene ahiko ze manoka-koviñe naho ze valohan-
dahin' anan-kare'o, amo añombeo naho amo añondrio. 20 Ho soloa'o fiay ami'ty vik'
añondry ty valohan' anam-borìke. Aa naho tsy soloa'o fiaiñe le folaho ty hàto'e. Ho
hene soloam-piay o ana'oo. Vaho tsy hatrefeñe an-tañam-polo raho.
21 Eneñ' andro ty hitoloña'o naho hitofa ami'ty andro faha-fito, ndra t'ie sam-
pitrobahan-tane ndra te san-kavokarañe le hitofa rehe.
22 Le hambena'o ty Sabadidan-kereñandro ie manese lengom-boam-bare-bolè, vaho
ty sabadida-panontonan-tsabo ami'ty fivariña' i taoñey.
23 In-telo ami'ty taoñe ty hiatrefa' o lahilahi'oo am' IEHOVÀ Talè, Andrianañahare'
Israele. 24 Le ho roaheko añ' atrefa'o o kilakila ondatio; naho hitàreko ty faritso'o;
vaho tsy eo ty hikirañe ty tane'o te ionjona'o hiatreke IEHOVÀ Andrianañahare'o in-
telo ami'ty taoñe.
25 Ko alaro lalivay ty liom-pisoroñañe amako, le ko sisañe ami' ty maraiñe i soron-
tSabadidam-Pihelañey.
26 Ho banabanae'o mb'añ'anjomba' IEHOVÀ Andrianañahare'o ao ze lengom-boa'
ty tane'o.
Ko ahandroeñe an-drononon-drene'e ty anak'ose.
27 Hoe t'IEHOVÀ amy Mosè: Sokiro i tsara zay, fa ami'ty fanoñonañe i tsaray ty
nifañinàko ama'o naho am' Israele.
28 Efapolo andro naho efapolo haleñe ty nitraofa'e am' IEHOVÀ; tsy nikama mofo
tsy nikama rano; vaho sinoki'e amy ravem-bato rey o tsara' i fañinaio: i Tsara Folo
rey.

### *Ty Fireandrea' ty Lahara' i Mosè*

29 Aa naho nizotso boak'ambohi-Sinay t'i Mosè, (ie tam-pità' i Mosè i fañina an-
dravem-bato roe rey t'ie nizotso amy vohitsey), le tsy nifohi'e te nireandreañe ty
holin-dahara'e amy nifanaontsia'ey. 30 Aa naho nahaoniñe i Mosè t'i Aharone naho

---

* **34:7** Vol 4:18, Iir 30:11 † **34:13** Aserà: a'hare ampela' o nte-Pilistio

o hene ana’ Israeleo, hehe te nireandreañe ty holin-dahara’e le nihembañe iereo
tsy nahasibeke hañarivo aze. 31 Kinoi’ i Mosè amy zao iereo, le nibalike mb’ama’e
mb’eo t’i Aharone naho o mpiaolo’ i valobohòkeio vaho nifanaontsy am’iereo t’i
Mosè. 32 Niharine mb’eo amy zao o ana’ Israele iabio vaho hene nandilia’e i nitsarae’
IEHOVÀ ama’e ambohi-Sinaiy.
33 Ampara’ te heneke ty nilañonaña’ i Mosè le kinolopo’e ty lahara’e. 34 Fa naho
nizilik’ añatrefa’ IEHOVÀ ao t’i Mosè hifanaontsy, le nafaha’e i lamba marerareray
ampara’ te niakatse; ie niakatse le nilañoñe amo ana’ Israeleo o raha nafantok’
ama’eo. 35 Aa naho niisa’ o ana’ Israeleo ty lahara’ i Mosè, te nitsopelatse i holin-
dahara’ey le kinolopo’ i Mosè indraike ty lahara’e ampara’ t’ie nizilik’ ao hifanaontsy
ama’e.

# 35

*Fañè’ o SABATAO*
1 Natonto’ i Mosè i valobohò’ Israele iabiy vaho nanoa’e ty hoe, Hoe ty tsara linili’
IEHOVÀ hanoe’ areo. 2 Eneñ’ andro ty fitoloñan-draha, fe andro havahe’ areo ty andro
fahafito, i SABATAm-pitofà am’ IEHOVÀy. Hakoromake ze ondaty mifanehak’ ama’e.
3 Ko mamiañe afo ndra aia’aia amo kivoho’ areoo ami’ty andro Sabotse.

*Mihentseñe Hamboatse i Kivohoy*
4 Le nisaontsie’ i Mosè i hene valobohò’ Israeley: Inao ty nandilia’ IEHOVÀ: 5 Aneseo
boak’ ama’ areo ao, le ibanabanao am’ IEHOVÀ; ze mirearea an-troke ro hañenga am’
IEHOVÀ: ty volamena naho volafoty vaho torisìke; 6 naho manga naho malòmavo
naho mena mañabarà naho leny marerarera vaho volon’ ose; 7 le holi’ añondrilahy
linoko mena naho holin-trozofisoitse naho mendorave; 8 naho solike ho ami’ty
hazavañe naho hafiriañe ho ami’ty menake fañorizañe naho ho ami’ ty emboke
mandrifondrifoñe; 9 naho vato sohàme naho vatosoa ho reketeñe amy kitambey naho
amy takon’ arañañey.
10 Le homb’etoañ’ iaby ze mahihi-tro hitsene o raha linili’ IEHOVÀ iabio: 11 i kivohoy,
i kibohotsey naho i rako’ey, o vitra’eo naho o varambañeo, o saka’eo, o ana-kòre’eo
naho o vave’eo; 12 i vatam-pañinay naho o bao-pitakona’eo, i toem-pijebañañey
naho i lamba fañefetsey; 13 i rairaiy naho o bao’eo naho o harao’eo naho o mofo-
miatrekeo; 14 le i fitàn-jiroy ho amy hazavàñey naho o harao’eo naho o jiro’eo naho
ty mena’ i hazavàñey; 15 naho i kitrelim-pañembohañey naho o bao’eo naho i mena-
pañorizañey naho i menake mañitsey naho i lamba fañefe’ i lala-pizilihañe amy
kivohoiy; 16 ty kitrely fisoroñañe rekets’ i tsingarakara’e torisìkey, o bao’eo naho
o hene fanakeo, i fanasàñey rekets’ i foto’ey; 17 o firadoradoañe an-kiririsao, o
anakòre’eo naho o vave’eo naho ty lamba fañefe’ i lalambein-kiririsay; 18 o tsato’
i kivohoio naho o tsato’ i kiririsaio vaho o tali’ iareoo; 19 o fisiky hitoloñañe amy toe-
miavakeio: o saro-miava’ i Aharone mpisoroñeo; ty fisaro’ o ana’eo hitoloña’ iareo
ho mpisoroñeo.

*Banabana amy Kivohoy*
20 Aa le nienga boak’ aolo’ i Mosè o ana’ Israele iabio. 21 Le nimb’eo ze hene
niroroten-troke naho ze nampirearean-arofo, nanese banabana am’ IEHOVÀ ho ami’ty
fitoloñañe i kibohom-pamantañañey naho ho amy ze hene fitoroñañe ama’e vaho
amo saro-miavakeo. 22 Songa nimb’eo an-joton-troke ty lahilahy naho ampela, ninday
ravake naho kiviron-oroñe naho kiviron-tsofy, bange fitomboke naho hareañe, ze
bijim-bolamena iaby; vaho ze nanokañe engam-bolamena am’ IEHOVÀ. 23 Ze ondaty
amam-pole manga ndra malòmavo ndra mena mañabarà ndra fole leny matify ndra
volon’ ose ndra holin’ añondrilahy linoko mena ndra holin-trozofisoitse, le sambe

ninday. 24 Ze ondaty nañenga volafoty ndra torisìke songa nibanabana aze am'
Iehovà; naho ze nahatendrehañe mendoraveñe ho amy fitoloñañe i asaiy, sindre
ninday.
25 Nandrorotse fole am-pità'e ze rakemba nahihi-tro, le nendese'e i nirorote'ey,
ty manga naho ty malòmavo naho ty mena mañabarà vaho ty leny matify. 26 Le
nandrorotse volon-ose ze rakemba nonjone' ty tro'e an-kihitse.
27 O mpifeheo ninday vato sohàme naho vato soa harekets' amy kitambey naho
amy kalan' arañañey; 28 ty emboke; naho ty menake ho amy hazavàñey, ho amy
mena-pañorizañey vaho ho amy emboke mañitsey. 29 Nibanabana enga an-tsatrin'
arofo am' Iehovà ze hene ana' Israele ndra lahilahy ndra rakemba nihavàtse añ'
arofo, hanolora'e amo tolon-draha linili' Iehovà hanoeñe am-pità' i Mosèo.

*Kinanji'e o Mavitrikeo*

30 Le hoe t'i Mosè amo ana' Israeleo: Ingo te kinanji' Iehovà ami'ty tahina'e t'i
Betsalale, ana'i Orý, ana' i Kore, fifokoa' Iehodà; 31 naho nilifore'e ami'ty Arofon'
Añahare an-kihitse naho faharendrehañe, an-kilala naho amy ze satam-pitoloñañe
iaby, 32 hisafiry naho hamoroñe, hitoloñe am-bolamena naho volafoty vaho torisìke
33 naho hampisilake vatosoa ho reketeñe naho hanokitse an-katae vaho hitoloñe amy
ze hene karaza satam-pitàñe. 34 Le napo'e añ'arofo'e ao ty hañòke, ie naho i Oholiabe
ana' i Ahisamake, fifokoa' i Dane. 35 Ie songa lilifore'e hihitse añ'arofo hanoa'e ze
satam-panokitse naho mpamoroñe, le hamahotse am-pole manga naho malò mavo
naho mena mañabarà naho leny matify hitoloñe am-panenoñañe; hitoloñe amy ze
hene tolon-draha vaho hamoroñe o nisafirieñeo.

# 36

1 Aa le nitoloñe amo he'e linili' Iehovào t'i Betsalale naho i Oholiabe naho ze
ondaty nahihi-troke tinolo' Iehovà hilala naho faharendrehañe hahafitoloña'e ze
fonga karaza fitseneañe am-pitoroñañe amy toe-miavakeiy.
2 Aa le kinai' i Mosè t'i Betsalale naho i Oholiabe naho ze ondaty mahihits' arofo
nitolora' Iehovà hilala naho ze nentoe'e añ'arofo'e ty homb'eo hifanehake, 3 vaho
rinambe' iareo añatrefa' i Mosè ze fonga raha binanabana' o ana' Israeleo hitoloña'
iareo ami'ty fandranjiañe i toe-miavakey.
Mbe nitolom-panese banabana ama'e boa-maraiñe ondatio. 4 Aa akore ty
hamaro'e kanao nijohañe hey o mahihitse nifanehak' amo tolon-draha' i toe-miavake
nitoloñe'e iabiio, 5 le ninday o saontsy zao amy Mosè, Fa ninday loho mandikoatse ze
hahatsake i fitoloñañe o tolon-draha' linili' Iehovà anay hanoeñeoy ondatio. 6 Aa le
nandily t'i Mosè naho nikoiheñe amy tobey ty hoe, Ehe te tsy hitsene raha hengaeñe
amy toe-miavakey ka t'indaty ndra rakemba. Aa le nisebañeñe ondatio tsy hanese
ka; 7 fa nahaheneke vaho nandikoatse ty hahafonirañe ze hene fitoloñañe o raha
tam' iereoo.

*Fañamboarañe i Kivohoy*
*Avo 26.1-37*

8 Ie amy zao, tsinene' o mahihitse amo mpifanehak' amy kivohoioo i lamba folo
fañefetse am-pole leny rinorotse matify rey ami'ty manga naho malòmavo naho
mena mañabarà, vinahotse an-tsare kerobe; 9 songa kiho roapolo-valo' amby ty
andava' i lamba rey, sindre kiho efatse ty ampohe'e, mira habey i lamba rey.
10 Nifampivitrañe'e ho raike ty lamba lime le nifampivitrañe'e i lime ila'e rey.
11 Nitsene'e ravake manga añ' indra' ty lamba fañefetse añ'ila' i tolà'e valoha'ey;
mindray amy zay ty nitsene'e añ'indra' i lamba añ'ila' i tolà'e faharoey; 12 ravake
limampolo ty nanoe'e amy lamba fañefetse raikey, le ravake limampolo ty nanoe'e
añ' indra' i lamba fañefetse añ'ila' i tolà'e faharoey; nifañatreke i ravake rey.

[13] Tsinene'e ty fikavitse volamena limampolo, le nampirekete'e amy fikavitse rey i
lamba fañefetse rey, hampikatohañe i kivohoy ho raike.
[14] Nitsenè'e lamba-lava ambolon' ose ho fandombohañe i kivohoy; folo-raik'amby
ty lamba-lava nanoe'e. [15] Kiho telo-polo ty andava' i lambalava rey, kiho efatse ty
ampohe'e; le mira i lambalava folo-raik' amby rey. [16] Navitra'e ho raike ty lambalava
lime naho ho raike ty lambalava eneñe. [17] Nitsene'e ravake limampolo ho añ'indra'
ty lamba-lava añ' ila' i valoha'ey; le ravake limam-polo añ'indra' i lambalava
añ'ila' i tolà'e faharoey. [18] Nitsenè'e fikavitse torisìke limampolo hifampireketañe
i kibohotsey ho raike.
[19] Le nitsenea'e rakoke an-kolin' añondrilahy linoko mena i kibohotsey vaho holin-
trozofisoitse ty ambone'e.
[20] Nandranjia'e rafi-tolàñe i kivohoy, varambañe mendoraveñe mitroatse. [21] Folo
kiho ty andava' o varambañeo naho kiho raike naho tampa'e ty ampohe'e. [22] Songa
aman-dahi'e roe o varambañeo hifamitrañe. Hene nanoe'e hoe zay ty rafi' i kivohoy.
[23] Le nitsenea'e rafi-tolàñ' i kivohoy: roapolo ty varambañe atimo, miatrek' atimo,
[24] le nitsene'e vave'e volafoty efapolo ho ambane' i varambañe roapolo rey; vave'e
roe ambane' ty varambañe raike ho ami'ty lahi'e roe vaho vave'e roe ambane' ty
varambañe raike ka ho a ty lahi'e roe. [25] Nandranjia'e rafi-tolàñe roapolo añ'ila'
i kivohoy avaratse. [26] naho ty vave'e volafoty efa-polo: vave'e roe ambane' ty
varambañe le vave'e roe ami'ty varambañe ila'e. [27] Niranjie'e varambañe eneñe
ho añ'ila' i kivohoy ahandrefañe. [28] Nandranjia'e varambañe roe an-kotsoke roe
amboho' i kivohoy, [29] le nifampireketse pak' ambone iereo vaho nampivitrañe' ty
ravake raike; zay ty nanoe'e ty roe amy hotso'e roe rey. [30] Nivalo ty varambañe,
naho folo-eneñ'amby ty vave'e volafoty— sindre amam-bave'e roe ambane'e ty
varambañe.
[31] Niranjie'e saka ami'ty mendoraveñe: lime amo varambañe añ'ila' i kivohoy
etoa, [32] naho saka lime amo varambañe añ' ila' i kivohoy eroa vaho saka lime
amo varambañe amboho ahandrefa' i kivohoio. [33] Nanoe'e hitsorofotse añivo'
o varambañeo boak' añ' ila'e pak' añ' ila'e ty saka. [34] Le nipakora'e volamena
o varambañeo, naho nitsene'e ravake volamena hitañe o sakao vaho nipakora'e
volamena o saka'eo.
[35] Le manga naho malòmavo naho mena mañabarà vaho leny rinorotse matify
ty nanoe'e i lamba-lavay; naho nanoa'e sare kerobe an-tsatam-pamahotse; [36] le
nandranjie'e anakòreñe efatse ami'ty mendoraveñe naho nipakora'e volamena; le
volamena o porengo'eo; vaho nampitranaha'e fototse volafoty efatse. [37] Mbore fole
manga naho malòmavo naho mena mañabarà naho leny rinorotse matify, an-tsatam-
panenoñe mahay maro-volo ty nanoe'e ty lamba fañefe' i lalam-bein-kibohotsey,
[38] miharo ami'ty anakòre'e lime rekets' o porengo'eo. Nipakora'e volamena o
tokona'e ambone naho o ana-tolà'eo le nanoeñe torisìke i vave'e lime rey.

# 37

*I Vatam-Pañinay*
*Avo 25.10-22*

[1] Rinanji' i Betsalale ami'ty mendoraveñe i vatam-pañinay: kiho roe naho tampa'e
ty andava'e le kiho raike naho tampa'e ty ampohe'e vaho kiho raike naho tampa'e
ty haabo'e. [2] Pinako'e volamena ki'e, añate'e naho alafe'e vaho nitsenea'e soñy
volamena nañarikatok' aze. [3] Nampitranaha'e ravake volamena efatse, harekets' an-
kotso'e efatse: ravake roe etoa vaho ravake roe eroa. [4] Nandranjia'e bao-pitakonañe
ami'ty mendoraveñe vaho pinako'e volamena, [5] le natsorofo'e amo ravake añ' ila' i
vatam-pañinaio i baoñe rey hitakonañe i vatam-pañinay. [6] Tsinene'e volamena ki'e i

toem-pijebañañey; kiho roe naho tampa'e ty andava'e naho kiho raike naho tampa'e
ty ampohe'e. 7 Niranjie'e kerobe volamena roe; pinepè'e ami'ty vonga'e raike, ho añ'
ila roe' i toem-pijebañañeio: 8 ty kerobe etoa, le ty kerobe eroa; rinanji'e ho raik' amy
toem-pijebañañey i kerobe rey songa añ'ila'e. 9 Navela' i kerobe rey mañambone o
ela'eo; nañaloke i toem-pijebañañey o ela'eo; nifañatre-daharañe iereo, nitolike mb'
amy toem-pijebañañey ty tarehe' i kerobe rey.

### *Ty Rairai' i Mofo-Piatrefañey*
*Avo 25.23-30*

10 Rinanji'e ami'ty mendoraveñe i rairaiy: kiho roe ty andava'e, kiho raike ty
ampohe'e naho kiho raike naho tampa'e ty haabo'e. 11 Nipakora'e volamena ki'e vaho
nandrafeta'e fiètse vola-mena hañarikoboñe aze. 12 Mbore nitsenea'e rira ampohe-
pitàñe hañarikatok' aze vaho nanoa'e indram-bolamena añ'olo'e hañariary aze. 13 Le
nampitranaha'e ravake volamena efatse vaho nareke'e ankotso'e efatse tandrife i
tombo'e efatse rey. 14 Nanoeñe marine i rira'ey i ravake rey hitàñe i bao-pitakonan-
drairay rey. 15 Rinanji'e ami'ty mendoraveñe i bao-pitakonan-drairay rey le pinako'e
volamena. 16 Volamena ki'e ty nitsenea'e o fanak' ambone' i rairaiio: o fingao, o
fitovio, o soakazoo vaho o tako'eo hanakonañe irezay.

### *I Fitàn-Jiroy*
*Avo. 25.31-40*

17 Le tsinene'e i fitàn-jiro volamena ki'ey; am-pipepehañe ty nanoa'e i fitàn-jiroy.
Songa nanoen-ko raik' ama'e ty taho'e, o tsampa'eo, o vatavo'eo, o rava-drave'eo
naho o voñe'eo. 18 Eneñe ty tsampa'e niakatse amo ila'eo: tsampa'e telo ty niakatse
am-pitàn-jiro etia naho tsampa'e telo ty niakatse am-pitàn-jiro atia. 19 Le an-tsampa'e
etia ty vatavo telo sarem-boti-mahabibo, ty rava-draveñe naho ty ravem-boñe vaho
an-tsampa'e tandrife atia ty vatavo telo sarem-boti-mahabibo sindre aman-drava-
draveñe naho ravem-boñe'e; irezay ty ho a' i tsampa'e eneñe miakatse ty taho' i fitàn-
jiroy rey. 20 Le nanoeñe vatavo efatse misare boti-mahabibo, sindre reketse rava-
draveñe naho ravam-boti'e, an-taho' i fitàn-jiroy; 21 le ty rava-draveñe miray ami'ty
fireketa' ty tsempa'e roe amy tahoy, ie ho amy tsampa'e eneñe miakatse ama'e rey.
22 Raik' amy taho'ey o rava-drave'eo naho o tsampa'eo, hene pinepèke am-bongam-
bolamena ki'e raike. 23 Le tsinene'e volamena ki'e ty jiro'e fito naho o fiharatan-
tsokotsoko'eo vaho o sadròm-baen' afo'eo. 24 Nanoe'e am-bongam-bolamena ki'e
talenta raike, ie naho o fana'e iabio.

### *I Kitrelim-pañembohañey*
*Avo 30.1-5*

25 Rinanji'e ami'ty mendoraveñe ty kitrelim-pañembohañe: kiho raike ty andava'e,
kiho raike ty ampohe'e, efa-mira, vaho kiho roe ty haabo'e. Raik' ama'e o tsifa'eo.
26 Nipakora'e volamena ki'e, ty tako'e naho o ila'e niarifehe azeo vaho o tsifa'e
miariary azeo. Le nitsenea'e soñy volamena nañarikatok' aze. 27 Nitsene'e ravake
volamena roe ho ambane' i soñi'ey, an-kotso'e roe atoy naho ami'ty roe aroy, hitañe
o bao-pitakonañ'azeo. 28 Rinanji'e ami'ty mendoraveñe o bao'eo le nipakora'e
volamena.

### *Ty Mena-pañorizañe naho ty Emboke*

29 Nanoe'e i mena-pañorizañe miavakey naho i emboke ki'e marifondrifoñe an-
kafiriañe an-tsatam-panao embokey.

# 38

### *I Kitrelim-Pisoroñañey*

1 Rinanji'e ami'ty mendoraveñe i kitrelim-pisoroñañey: kiho lime ty andava'e;
naho kiho lime ty ampohe'e, efa-mira; vaho telo kiho ty haabo'e. 2 Tsinene'e ankotso'e
efatse o tsifa'eo; raik' ama'e i tsifa'e rey, le nipakora'e torisìke. 3 Tsinene'e iaby ty
fana' i kitreliy: o valàñe'eo naho o sadrò'eo naho o koveta'eo naho o firango'eo
vaho o endraendra'eo; hene nanoeñe torisike o fana'eo. 4 Le nanoa'e tsikarakarake
torisìke i kitreliy, mifototse ambane' i soñi'ey miefetse ami'ty fivaki-mirà' ty haabo'e.
5 Nampitranaha'e ravake efatse ho an-kotso'e efa' i tsikarakarake torisìkey hitañe
o bao'eo. 6 Le rinanji'e ami'ty mendoraveñe o bao'eo vaho nipakora'e torisìke.
7 Le nazili'e amo ravake añ' ila' i kitreliio o bao-pitakonaño. Nanoe'e koake am-
barambañe.

8 Tsinene'e an-torisìke i fanasàñey naho torisìke i foto'ey, boak' amo hetsoro natolo'
o rakemba mpitoroñe an-dalan-kibohom-pamantañañeo.

9 Le nihajarie'e ty kiririsa; naradorado'e añ' ila'e atimo ty lamba leny rinorotse
marerarera; zato kiho. 10 Roapolo ty anakòre'e naho roapolo ty foto'e torisìke.
Volafoty ty porengo' o ana-koreñeo naho o bandi'eo. 11 Zato kiho ka ty avaratse;
ty anakòre'e roapolo naho ty tombo'e torisìke roapolo vaho volafoty ty porengo' o
anakòreñeo naho o bandi'eo. 12 Limampolo kiho ty firadoradoañe ahandrefañey;
folo ty anakòre'e naho folo ty tombo'e. Volafoty ty porengo' i anakòre'e rey naho
o bandi'eo. 13 Le atiñana miatrek' atiñanañe: limampolo kiho. 14 Folo lime-
amby kiho ty andava' ty firadoradoañe etoa, telo ty anakòre'e naho telo ty foto'e.
15 Añ'ila' i lalan-kiririsay eroa ty firadoradoañe folo lime amby kiho, etoa naho
eroa naho ty anakore'e telo naho tombo'e telo. 16 Sindre aman-deny rinorotse
matify o firadoradoan-dambalava nañarikatoke i kiririsaio. 17 An-torisìke ty vave' o
anakòre'eo; volafoty ty porengo' o anakòreñeo naho o bande'eo, pinakotse volafoty
ka o honko'eo; songa amam-bandy volafoty o anakòre' i kiririsaio. 18 Satam-
pamahotse i lambalamba fañefetse an-dalambein-kiririsay: am-pole manga naho
malòmavo naho mena mañabarà vaho leny rinorotse marerarera; roapolo kiho
ty andava'e naho lime kiho ty haabo'e manahake ty am-pohe' o firadoradoañe
an-kiririsao. 19 Efatse ty anakòre'e reketse ty vave'e torisìke efatse; volafoty o
porengo'eo, naho nipakorañe volafoty o honko'eo naho o bandi'eo. 20 Songa torisìke
ty tsato' i kivohoy naho i kiririsa mañarikatok' azey.

### *Ty Haraotse Nanoañe amy Kivohoy*

21 Intoy ty famolilañe' i kivohoy, i kivohom-pañinay, amy namantoha' i Mosèy,
nisokire o nte-Levio, ambanem-pità' Itamare ana' i Aharone mpisoroñe.

22 Namboare' i Betsalale ana' i Ory, ana' i Kore, fifokoa' Iehodà, ze hene nandilia'
Iehovà amy Mosè hamboareñe. 23 Nañolotse aze t'i Oholiabe ana' i Ahisamake,
fifokoa' i Dane, mpandranjy naho mpanao sare naho mpanenoñe mahay volo: ami'ty
manga naho ty malòmavo naho ty fole mena mañabarà vaho ty leny matify.

24 Nahatakatse talenta roapolo-sive' amby naho sekele fitonjato-tsi-telopolo, toe
sekele' i toe-miavakey, ty volamena nitseneñe ze hene raha amy toe-miavakey, amy
volamena binanabanay.

25 Le talenta* zato naho sekele arivo-tsi-fitonjato-tsi-fitompolo lime amby, toe sekele'
i toe-miavakey, ty volafoty amo niaheñe amy fivoribeiio; 26 bèka raike ty vili-loha' (toe
vakin-tsekele' i toe-miavakey raike), ze hene ondaty nitsake mb'amo niaheñeo amo
niroapolo taoñe mañamboneo, aa le enen-ketse-tsi-telo-arivo-tsi-limanjato-tsi-limam-
polo. 27 Volafoty zato talenta ty natranake ho a o vave' i toe-miavakeio naho o vave' i
lamba fañefetse reio: talenta zato ty vave'e zato, talenta raike ty vave'e raike. 28 Le
amy sekele arivo-tsi-fiton-jato-tsi-fitompolo lime amby rey ty nitsenea'e ty porengo'

* **38:25** 3000 sekele = Talènta 1: aa le 877kg i eoy.

o anakòreñeo naho nipakora'e o honko'eo vaho nanoe'e o bandi'eo. 29 Fitompolo
talenta naho ro-arivo-tsi-efajato sekele† ty torisìke nengaeñe; 30 ama'e ty nitsenea'e
o vave' i lalan-kibohom-pamantañañeio, i kitrely torisìkey, i tsikarakara'e torisìkey
naho o fana' i kitreliy iabio, 31 naho ty vave' i kiririsa miarikatokey, o foto' i lalambein-
kiririsaio, ze hene tsato' i kivohoy vaho ze fonga tsatoke amy kiririsa miarifehe azey..

# 39

*O Sarom-Pisoroñeo*
*Avo 28.1-43*

1 Nanao sarom-pitoroñañe am-pole manga naho malòmavo naho mena mañabarà
ho ami'ty fitoloñañe amy toe-miavakey, zay ty nanjairañe o saroñe miava' i Aharoneo
ami'ty nandilia' Iehovà i Mosè.

2 Tineno'e am-pole volamena naho manga naho malòmavo naho mena mañabasà
vaho leny rinorotse matify i kitambey. 3 Pinepè' iereo i volamenay ho endraendra
matify le linily ho fole hitraoke amy fole mangay naho i malòmavoy naho i mena
mañabaràñey vaho i leny matifiy; an-tsatam-pamahotse. 4 Tsinene' iareo i an-tsoro'e
rey hifampireketse: ami'ty indra'e roe t'ie nampireketañe. 5 Le nindray fitenoñe
amy kitambey i sadia ama'ey, am-bolamena naho fole manga naho malòmavo naho
mena mañabarà vaho leny rinorotse matify, ami'ty nandilia' Iehovà i Mosè.

6 Tsinene' iareo o vato sohàmeo, nireketañe am-bolamena vinanditse vaho nisoki-
rañe i tahinan' ana' Israele rey manahake ty fisokiram-boli-pitomboke. 7 Napeta'e
an-tsoro' i kitambey irezay ho vato faniahiañe o ana' Israeleo, amy nandilia' Iehovà
amy Mosèy.

8 Le tsinene'e an-tsatam-pamahotse i takon' arañañey hambañe ami'ty sata' i
kitambey ami'ty fole volamena naho manga naho malòmavo naho mena mañabarà
vaho leny rinorotse matify. 9 Efa-mira zay, le nanoe' iereo roe mikopoke i takon'
arañañey, zehe raike ty andava'e naho zehe raike ty ampohe'e t'ie akopake.
10 Napeta' iereo ama'e am-piriritañe efatse o vatoo: ty firirita'e valoha'e, le ty òdeme,
ty pitdà vaho ty barèkete. 11 Ty firirita'e faharoe: ty nofèke, ty safira vaho ty
iahalòme. 12 Ty firirita'e fahatelo: ty lèseme, ty sebò vaho ty aklàma; 13 le ty firirita'e
fah'efatse: ty tarsise, ty sohàme vaho ty iasefày; sindre nivontitire' ty volim-boñe
volamena tsingarakarake. 14 Nilahatse ami'ty tahina' o ana' Israeleo i vato rey, folo-
ro'amby ty amo tahina'eo; nisokireñe an-tsatan-tsokim-pitomboke, songa ninday ty
tahinañe raik' amy fifokoa folo-ro'ambi' Israele rey.

15 Nitsenea' iereo silisily volamena ki'e vinandivanditse ty añ' ila' i takon'
arañañey. 16 Le tsinene' iareo ty volim-boñe volamena roe naho bange volamena
roe vaho napite' iareo ami'ty ila' i takon' arañañe roey i bange roe rey. 17 Le nazili'
iareo amy bange añ' ila' i takon' arañañeiy i silisily volamena vinanditse roe rey.
18 Nampirekete' iareo amy volim-boñe roe rey ty ila' i silisily vinanditse roe rey vaho
napeta' iareo an-tsoro' i kitambey, aolo'e eo. 19 Le nitsene' iereo bange volamena roe
vaho napetak' ami'ty ila'e roe' i takon' arañañey, andrira'e ambane' i kitambey. 20 Le
nitsene' iareo bange volamena roe napetak' ambane' i talin-tsoro'ey aolo i kitambey,
an-difi'e ambone' ty fireketañe i fièn-kitambe vinahotsey. 21 Aa le finehe' iereo i
takon' arañañey amy bange' rey amy bange' i kitambey rey ami'ty fole manga, soa
t'ie ho ambone' i fièn-kitambey vaho tsy hibalak' amy kitambey i takon' arañañey;
amy nandilia' Iehovà i Mosèy.

22 Le tsinene'e an-tsatan-tenoñe ty saro' i kitambey, fonga manga, 23 le añivo'e
ty fisokafañe i saroñey, manahake ty loak' an-tsarom-pikalañe, nifahareñe am-
pitrebeke ty lifi'e añ'ariary aze tsy ho riatse. 24 Le vinaho' iereo an-difi' i saroñey ty

† **38:29** 2124 kg zay.

sarem-boan-dagoa ami'ty manga naho malòmavo naho mena mañabarà vaho leny
rinorotse. 25 Le nitsene' iereo fikorintsañe volamena ki'e nasabadiga amo dagoao
an-difi' i sarom-pitoroñañey miariary aze, añivo' o voan-dagoao. 26 Fikorintsañe
naho voan-dagoa, fikorintsañe naho voan-dagoa añariary ty lifi' i saroñey, ho amy
fitoroñañey, amy nandilia' Iehovà i Mosèy.
27 Le trinebe' iareo o saron-deny tinenoñe matify ho a i Aharone naho o ana'eoo
28 naho i sabaka leny marerareray naho i fikolopoke leny matifiy vaho o kiloty leny
rinorotse matifio, 29 le i fiètsey leny rinorotse matify am-pole manga naho malòmavo
vaho mena mañabarà nivahorem-pitrebeke; ami'ty nandilia' Iehovà i Mosè.
30 Le nitsenè' iereo i vilon-daharañe volamena ki'e miavakey vaho nisokirañe
an-tsatan-tsokim-pitomboke ty hoe: Miavak' am' Iehovà. 31 Le nametaha' iareo
talimanga handreketse aze amy sabakay, ambone'e; amy nandilia' Iehovà i Mosèy.

*Fonitse*
32 Aa le hene nifonitse i fitoloñañe amy kivohoiy, amy kibohom-pamantañañey; ie
nanoe' o ana' Israeleo hambañe amy nandilia' Iehovà i Mosèy, zay ty nanoe' iareo.
33 Le nendese' iareo mb'amy Mosè mb'eo i kivohoy, i kibohotsey rekets' o harao'e
iabio: o fikavitseo, o varambañeo, o saka'eo, o anakòre'eo naho o vave'eo; 34 i rakoke
holits' añondrilahy linoko menay naho i fikopo'e holin-trozofisoitsey naho i lamba
marerarera fañefetsey; 35 i vatam-pañinay rekets' o bao'eo naho i toem-pijebañañey;
36 i rairaiy naho o fana'e iabio naho i mofo-piatrefañe rey; 37 i fitàn-jiro ki'ey rekets'
o jiro'eo, i jiro'e ho hajarieñe rey, o harao'e iabio naho ty mena' o jiroo; 38 i kitrely
volamenay, i mena-pañorizañey, i emboke mañitsey, i lamba fañefe' ty lalambein-
kibohotsey; 39 i kitrely torisìkey, i tsingarakara'e torisìkey, i bao'e rey, o harao'e iabio,
i fanasàñey naho i tombo'ey; 40 o lamba firadorado an-kiririsa eio, o anakòre'eo naho
o vave'eo; i lamba fañefe' i lalambein-kiririsaiy; o tali'eo, o tsato'eo, o haraotse iaby
fitoroñañe amy kivohoy, amy kibohom-pamantañañeio; 41 le o saroñe tinenoñeo,
hitoroñañe amy toe-miavakeio: o saroñe miava' i Aharone mpisoroñe naho o saron'
anadahi'eo hitoroñe ho mpisoroñeo.
42 Nanoe' o ana' Israeleo iaby i fitoloñañey hambañe amy ze hene linili' Iehovà
amy Mosè. 43 Fonga nisarie' i Mosè i fitoloñañey, le ingo nifonire' iereo hambañe
amy nandilia' Iehovày, ie i nanoañey. Le nandriaña' i Mosè.

# 40

*Ty Fitroara' i Kivohoy*
1 Nitsara amy Mosè t'Iehovà nanao ty hoe: 2 Atroaro ami'ty andro valoha' i volam-
baloha'ey i kivohon-kibohom-pamantañañey. 3 Apoho ao i vatam-pañinay vaho
ampiavaho amy lamba fañefetsey i vatay. 4 Aziliho ao i rairaiy le hajario ama'e
o harao'eo naho endeso ao i fitàn-jiroy vaho areheto i jiro'e rey. 5 Apoho aolo' i
vatam-pañinay i kitreli-pañembohañe volamenay vaho apetaho ami'ty lala' i kivohoy
i lamba-fañefe'ey. 6 Le apoho aolo' ty lala' i kivohon-kibohom-pamantañañey i kitrely
fisoroñañey. 7 Le apoho añivo' i kibohom-pamantañañey naho i kitreliy i fanasàñey
vaho ampidoaño rano; 8 hajario ty añ'ariari' i kiririsay vaho aradoradò amy lalan-
kiririsay i lamba fañefe'ey.
9 Rambeso amy zao i mena-pañorizañey naho hene orizo i kivohoy naho ze ama'e
ao vaho tokano rekets' o fana'e iabio hiavake; 10 le orizo i kitrely fisoroñañey naho ze
hene harao'e vaho tokano i kitreliy, hiavahe' i kitreliy do'e. 11 Le orizo ka i fanasàñey
naho o tombo'eo vaho ampiavaho.
12 Endeso mb'amy lalan-kibohom-pamantañañey mb'eo t'i Aharone naho o
anadahi'eo vaho ampandrò an-drano; 13 le aombeo amy Aharone o saro miavakeo

naho orizo vaho ampiavaho hitoroñ' ahy ho mpisoroñe. 14 Ampombao mb'eo o
ana'eo vaho añombeo saroñe. 15 Orizo manahake i nañoriza'o an-drae' iareoy hi-
toroñ' ahy ho mpisoroñe; fa ho fisoroñañe tsy modo amo fifokoa' iareo mifandimbeo
ty fañorizañe iareo. 16 Nanoe' i Mosè irezay hambañe amy nandilia' IEHOVÀ azey.
17 Aa le natroatse ami'ty andro valoha' i volam-baloha' i taoñe faha-roey i kivohoy.
18 Natroa' i Mosè i kivohoy naho najado'e an-toe'e o tombo'eo, hinalanka'e o
varambañeo, nazili'e o saka'eo vaho natroa'e o anakòre'eo. 19 Le vinela'e ambone' i
kivohoy i kibohotsey naho nalafi'e ambone' zay i rakokey, amy nandilia' IEHOVÀ amy
Mosèy.
20 Rinambe'e i fañinay le najo'e amy vatay, le nazili'e amo ravake amy vataio i
baoñe rey vaho napo'e ambone' i vatay i toem-pijebañañey; 21 le nendese'e amy
kivohoy i vatay, nahanto'e i lamba fañefetsey vaho nefera'e i vatam-pañinay amy
nandilia' IEHOVÀ i Mosèy.
22 Napo'e amy kibohom-pamantañañeio i rairaiy, avara' i kivohoy, alafe' i lamba
fañefetsey, 23 le hinajari'e hiriritse ama'e ty mofo añatrefa' IEHOVÀ, amy nandilia'
IEHOVÀ i Mosèy.
24 Napo'e amy kibohom-pamantañañeio i fitàn-jiroy, tandrife i rairaiy, añ'ila atimo'
i kivohoy, 25 le narehe'e i jiro rey añatrefa' IEHOVÀ ami'ty nandilia' IEHOVÀ i Mosè.
26 Napo'e aolo' i lamba fañefetsey amy kibohom-pamantañañeio i kitrely volame-
nay 27 le natsotse ama'e i emboke aman-kafiriañe mañitsey, amy nandilia' IEHOVÀ
amy Mosèy.
28 Natroa'e an-dalambei' i kivohoy i lamba fañefetsey. 29 Napo'e an-dalam-
pimoahañe amy kivohoy—i kibohom-pamantañañey —i kitreli-pisoroñañey, le
nañenga soroñe naho enga-mahakama ama'e, amy nandilia' IEHOVÀ amy Mosèy.
30 Napo'e añivo' i kibohom-pamantañañey naho i kitreliy i fanasàñey vaho
nañiliña'e rano fanasàñe; 31 hanasa' i Mosè naho i Aharone vaho o ana'eo fitàñe naho
fandia; 32 hisasa' iareo naho hizilike amy kibohom-pamantañañeio ndra hañarine i
kitreliy, amy nandilia' IEHOVÀ amy Mosèy.
33 Vaho, natroa'e ty fahe' i kiririsa añariari' i kivohoy naho i kitreliy vaho
naradorado'e i lamba fañefetse an-dalambein-kiririsaiy. Aa le nifonira' i Mosè i
fitoloñañey.

### *Ty Rahoñe naho ty Engeñe*
*Avo 13.21,22; Vol 9.15-23*

34 Nakopo' i rahoñey amy zao i kibohom-pamantañañey vaho nandifotse i kivohoy
ty enge' IEHOVÀ. 35 Aa le tsy nimete nizilik' amy kibohom-pamantañañeio t'i Mosè
amy te nivotrak' ama'e i rahoñey vaho nandifotse i kivohoy ty enge' IEHOVÀ.
36 Ndra mbia'mbia nionjoñe ambone' i kivohoy i rahoñey, le nionjoñe mb'amo
hene fañaveloa' iareoo mb'eo o nte' Israeleo. 37 Fa naho tsy nionjoñe i rahoñey
le tsy nionjon-dia ka iereo ampara' ty andro ionjona'e. 38 Tambone' i kivohoy ty
raho' IEHOVÀ naho antoandro, le afo ty tama'e naho haleñe aolom-pihaino ze hene
anjomba' Israele amo fiavota' iareo iabio.

# Soroñe

1 Aa le kinanji'Iehovà t'i Mosè vaho nisaontsia'e boak' amy kibohom-
pamantañañey ty hoe: 2 Misaontsia amo ana' Israeleo le ano ty hoe: Naho ama' areo
ty hañenga soroñe am' Iehovà, le añandeso amo hare' areoo: he amo lia-raikeo ke
amo añombeo.
3 Aa ie hañenga soroñe boak' am-pirai-trokey, le lahi'e tsy aman-kandra, an-tsatrin-
tro'e t'ie hañenga añatrefa'Iehovà an-dalan-kibohom-pamantañañe eo. 4 Hasampe'e
an-doha' i hisoroñañey o fità'eo, soa te ho rambeseñe ama'e ho fañeferañe aze. 5 Ho
lentae'e añatrefa'Iehovà i baniay; le hendese' o ana' i Aharone mpisoroñeo ty lio'e
vaho hadasi' iareo añariary i kitrely an-dalan-kibohom-pamantañañey ty lio'e. 6 Le
ho holire'e i hisoroñañey vaho ho patepatere'e. 7 Le hampipok' afo amy kitreliy
o ana'i Aharone, Mpisoroñeo, vaho handahatse ty hatae amy afoy. 8 Ho hajarie' o
mpisoroñe, ana' i Aharoneo, amo hatae añ' afo ambone' i kitreliio o tori-henao naho
i lohay vaho i safots-ènay; 9 le ho sasà'e an-drano o aova'eo naho o tombo'eo, naho
ho forototoe' i mpisoroñey irezay ho hatoeñe ambone' i kitreliy, ho soroñe, enga
oroañe añ' afo, hàñim-pañanintsiñe am' Iehovà.
10 Aa naho boak' amo mpirai-liao—ke añondry he ose—ty hisoroñañe, le ho lahi'e
tsy aman-kandra ty hengae'e. 11 Ho lentà'e avara' i kitrely añatrefa' Iehovày, vaho
hadàsi' o ana' i Aharone mpisoroñeo añ'ariari' i kitreliy ty lio'e. 12 Ho lilie'e i
henay; vaho halaha' i mpisoroñey ami'ty hatae amy afo ambone' i kitreliiy ty loha'e
naho ty safo'e, 13 le ho sasà'e rano o ova'eo naho o tombo'eo naho ho fonga engae'
i mpisoroñey, hengae'e an-katoeñe amy kitreliy ho soroñe, enga oroañe añ' afo,
hàñim-pañanintsiñe am' Iehovà.
14 Aa naho voroñe ty hengae'e ho soroñañe am' Iehovà; he deho ke ana-
boromahilala ty ho banabanae'e. 15 Hendese' i mpisoroñey mb' amy kitreliy mb'eo,
le haola'e i lohay, naho hengae'e an-katoeñe amy kitreliy; vaho hampiorihe'e añ'ila'
i kitreliy o lio'eo. 16 Hafaha'e ty tsibokò'e naho o volo'eo vaho hahifi'e ami'ty ila
atiñana' i kitreliy mb'amy toen-davenokey. 17 Ho vorahe'e amo ela'eo fe tsy ho riate'e
roe, le hengae' i mpisoroñey ho hatoeñe amy kitreliy amy hatae ambone' i afoiy; ho
soroñe, enga oroañe añ'afo, hàñim-pañanintsiñe am' Iehovà.

# 2

*Soron' ampemba*

1 Aa naho eo ty mibanabana enga-mahakama am' Iehovà, le mona-disañe ty
hengae'e, naho hañiliña'e menake, vaho hampipoha'e emboke; 2 hendese'e amo
ana' i Aharone mpisoroñeo, le hañakatse ty mahàtsa-pitàñe amo monao naho amo
mena'eo mitraok' amy ze hene embo'e, le hengae' i mpisoroñey ho tiahy, hatoeñe
amy kitreliy, enga oroañe an' afo, hàñim-pañanintsiñe am' Iehovà. 3 Ho a i Aharone
naho o ana'eo ty tsy ri' i mona nengaeñey; ie miava-do'e amo soroñañe am'Iehovào.
4 Aa ihe mibanabana enga-mahakama nimasaheñe an-toñake, le mofo tsy aman-
dalivay ama' mona linaro menake; ndra mofo tseake matify po-dalivay hinoso-
menake.
5 Aa naho banabanae'o ty enga-mahakama nimasaheñe am-pinga, le ho mona tsy
aman-dalivay linaro menake. 6 Peñapeñafo vaho añiliño menake: enga-mahakama
zay.
7 Aa naho banabanae'o ty enga-mahakama nimasaheñe am-balàñe, le hanoeñe
ami'ty mona linaro menake. 8 Ie banabanae'o ho enga-mahakama am' Iehovà, amy

nanoeñe rezay, le hatolotse amy mpisoroñey le ie ty hanese aze mb'amy kitreliy
mb'eo, 9 le hangalà' i mpisoroñey tiahy i enga mahakamay vaho hengae'e an-katoeñe
amy kitreliy; ho enga oroañe añ'afo, hàñim-pañanintsiñe am' IEHOVÀ. 10 Le ho a i
Aharone naho o ana'eo ty tsy ri' i enga-mahakamay, ie miava-do'e amo soroñañe
am'IEHOVÀo.
11 Tsy anoeñe aman-dalivay ze mahakama engaeñe am' IEHOVÀ; toe tsy hengaeñe
an-katoeñe ho enga oroañe añ'afo am'IEHOVÀ ty lalivay ndra tantele. 12 Mete engaeñe
ho lengom-boa am' IEHOVÀ, f'ie tsy hengaeñe ho hàñim-pañanintsiñe an-kitrely.
13 Mbore ho sirae'o aman-tsira ze hene mahakama engae'o, tsy hado'o tsy ho amy
ze enga mahakama'o iaby ty siram-pañinan' Añahare'o. Engao aman-tsira ze hene
engae'o.
14 Ie banabanae'o am'IEHOVÀ ty enga-mahakama anoeñe loha-voñe, le ampemba
vao natono an' afo, voam-bora'e vao nilisaneñe ro hengaeñe ho enga-mahakaman-
dengo'e. 15 Hosoro menake le ampipoho emboke, enga-mahakama zay. 16 Hengae'
i mpisoroñey an-katoeñe ty tiahy amy ampemba-lisañey naho ty tampa' i menakey
vaho ty embo'e iaby ho enga oroañ' an' afo am' IEHOVÀ.

# 3

*Engam-pañanintsiñe*

1 Aa ie mañenga sorom-pañanintsiñe, le boak' ampirai-trok' ao, ke vave he lahy,
ie tsy aman-kandra ty hampiatrefa'e am' IEHOVÀ. 2 Hasampe'e an-doha' i enga'ey
ty fità'e vaho ho lentà'e an-dalan-kibohom-pamantañañe ey; le hadasi' o ana' i
Aharoneo añariari' i kitreliy ty lio'e; 3 vaho ho soroña'e am'IEHOVÀ ty tsila' i engam-
pañanintsiñey: Ty safo'e manaroñe o ova'eo, toe ze hene safo'e amo ova'eo; 4 naho
ty voa'e roe mitraok' amo safo'eo, o an-deme'eo, naho i kambinate'ey ze hafaha'e
rekets' i voa'e rey, 5 ro hengae' o ana' i Aharoneo an-katoeñe amy kitreliy, ambone
i soroñañe an-katae añ'afoy, toe enga-koroañe an' afo ho hàñim-pañanintsiñe am'
IEHOVÀ.
6 Aa naho boak'amo lia-raikeo ty engam-pañanintsiñe ho soroña'e am'IEHOVÀ
ke t'ie lahy he vave, le ty tsy aman-kandra ty hengae'e. 7 Ie mibanabana ty
vi'e hisoroña'e, le hengae'e añatrefa' IEHOVÀ, 8 naho hampitongoae'e an-doha' i
banabanay ty fità'e le ho lentae'e aolo' i kibohom-pamantañañey; vaho hadasi' o
ana' i Aharoneo añariari' i kitreliy ty lio'e. 9 Ho banabanae'e boak' amy engam-
pañanintsiñey ty ho soroñañe am' IEHOVÀ: o safo'eo, i hofa'e vondrakey ie hafahañe
reketse ty lambosim-pohe'e naho ty sabora manaroñe o ova'eo, toe ze hene sabora
amo ova'eo, 10 naho ty voa'e roe mitraok' amo safo'eo, o an-demeo, naho i kambinatey
ie hafaha'e rekets' o voa'eo 11 vaho hengae' i mpisoroñey an-katoeñe amy kitreliy,
fa mahakama, enga oroañe añ'afo am' IEHOVÀ.
12 Aa naho ose ty hisoroña'e, le ho banabanae'e añatrefa' IEHOVÀ; 13 hanampeza'e
fitàñe i loha'ey, le ho lentae'e aolo' i kibohom-pamantañañey eo, vaho hadasi' o
ana' i Aharoneo añariari' i kitreliy ty lio. 14 Le ho soroña'e ho enga oroañe an' afo
am' IEHOVÀ: ty safo'e manaroñe o ova'eo, toe ze hene safo'e amo ova'eo; 15 naho ty
voa'e roe mitraok' amo safo'e an-demeo, naho hafaha'e i kambinatey rekets' i voa'e
rey, 16 vaho hengae' i mpisoroñey amy kitreliy ho mahakama, enga oroañe añ'afo,
hàñim-pañanintsiñe; aIEHOVÀ ty safo'e iaby. 17 Ho fañè tsy modo amo hene tarira'
areo mifandimbeo, am-pitobea' areo iaby, te tsy ho kamae' areo ty safo'e ndra ty lio.

# 4

*Soron-Kakeo*

[1] Hoe ty nitsara'IEHOVÀ amy Mosè, [2] Misaontsia amo ana' Israeleo ty hoe, Naho
eo t'indaty manao hakeo tsy nisatrie'e amo hene raha linili'IEHOVÀ tsy anoeñeo,
vaho anoe'e ty raike; [3] aa naho manao hakeo ty norizan-ko mpisoroñe, ie mañakeo
ondatio, le bania tsy aman-kandra ty hengae'e ty amy tahiñe nanoe'ey, ho engan-
kakeo am' IEHOVÀ, ty amy hakeo'ey. [4] Hendese'e mb'an-dalan-kibohom-pamantañañe
mb'añatrefa'IEHOVÀ mb'eo i baniay le hanampeza'e fitàñe ty loha' i baniay; vaho ho
lentae'e aolo'IEHOVÀ i baniay. [5] Hangalà' i mpisoroñe norizañey ty lio' i baniay vaho
hendese'e mb'amy kibohom-pamantañañey mb'eo. [6] Le halò' i mpisoroñey amy lioy
ty rambo-pità'e naho hafitse'e im-pito añatrefa'IEHOVÀ aolo' i lamba fañefe' i toe-
miavakeiy i lioy [7] naho hatente' i mpisoroñey amo tsifa' i kitrelin-emboke mañitse
amy kibohom-pamantañañey añatrefa' IEHOVÀio ty ila' i lioy; le hadoa'e am-poto'
i kitrelim-pisoroñañe an-dalan-kibohom-pamantañañey ty tsy ri' i lio' i baniaiy.
[8] Hafaha'e ze hene safo' i banian-engan-kakeoy: ty safo'e misaroñe o ova'eo naho
ze safo'e iaby amo ova'eo; [9] naho ty voa'e roe mitraok' amo safo'e an-demeo, naho
i kambinatey ze hafaha'e rekets' i voa'e rey, [10] hambañe amy nañafahañ' aze amy
banian-tsorom-pañanintsiñey, vaho hengae' i mpisoroñey an-katoeñe amy kitrelim-
pisoroñañey. [11] Le ty amy holi' i baniay naho o hena'e iabio mitraok' ami'ty loha'e,
miharo amo tombo'eo naho o ova'eo vaho ty tai'e, [12] toe i tsi-ri' i baniay iabiy,
ro hendese'e mb'an-diolio alafe' i tobey, mb'amy fañarian-davenokey mb'eo ho
forototoeñe añ'afo an-katae; amy fañarian-davenokey ty hañoroañ' aze.
[13] Aa naho manao hakeo tsy nisatrie'e ty valobohò' Israele, ie nietak' am-pihaino'
i fivoribeiy, ie nandilatse aman-dra' inoñ' inoñe linili' IEHOVÀ tsy hanoeñe vaho
voa hakeo [14] aa naho rendreke i tahiñe nanoe' iereoy, le hañenga bania ho
soron-kakeo i fivoribeiy vaho hendesa' iereo aolo' i kibohom-pamantañañey eo.
[15] Hanampeza' o roandria' i tobeio fitàñe añatrefa'IEHOVÀ ty loha' i baniay, le ho
lentaeñe añatrefa'IEHOVÀ i baniay. [16] Hañandesa' i mpisoroñe norizañey mb'amy
kibohom-pamantañañey mb'eo ty lio' i baniay, [17] le handò i mpisoroñey amy lioy
ty rambo-pità'e vaho hamitse aze im-pito añatrefa'IEHOVÀ aolo' i lamba fañefetsey.
[18] Le hatente'e amo tsifa' i kitreliio amy kibohom-pamantañañey añatrefa'IEHOVÀ
ty ila' i lioy vaho hadoa'e ampoto' i kitrelim-pisoroñañe an-dalambem-kibohom-
pamantañañey ty sisa' i lioy. [19] Hafaha'e iaby ty safo'e naho hengae'e an-katoeñe
amy kitreliy; [20] le hanoe'e hambañe amy nanoe'e i bania soron-kakeoiy i baniay, zay
ty hanoe'e ty bania toy. Zay ty hañefera' i mpisoroñey vaho ho votsotse amy hakeoy
iereo. [21] Hendese'e alafe' i tobey i baniay vaho ho forototoe'e manahake ty nañoroa'e
i bania valoha'ey, soron-kakeo' i valobohòkey zay.
[22] Ie manao hakeo ty mpifehe' ondaty, vaho mandilatse tsy satrie'e aman-dra'
inoñ' inoñe linili'IEHOVÀ Andriananañahare'e tsy hanoeñe naho voa-tahiñe, [23] ie
ampandrendreheñe i hakeo nililare'ey, le hendese'e ho enga ty vik'oselahy tsy aman-
kandra. [24] Le hanampeza'e fitàñe i ose-lahiy vaho ho lentae'e amy toem-pandentàn-
tsoroñey am' IEHOVÀy, soron-kakeo zay. [25] Handrambesa' i mpisoroñey an-drambom-
pità'e ty lio' i soron-kakeoy naho hatente'e amo tsifa' i kitrelim-pisoroñañeio vaho
hadoa'e am-poto' i kitrelim-pisoroñañey ty lio'e sisa. [26] Hengae'e an-katoeñe amy
kitreliy ze hene safo'e manahake ty safo' i engam-pañanintsiñey; le hefera' i
mpisoroñey ty amy tahi'ey vaho hapoke i tahi'ey.
[27] Aa naho mandilatse tsy satrie'e ty ndaty amy taney, ndra inoñ' inoñe linili'IEHOVÀ
tsy hanoeñeo vaho voa hakeo, [28] aa naho fohi'e i hakeo nanoe'ey, le hinday ose
ho enga'e, ty vave'e tsy aman-kandra ty amy tahiñe nanoe'ey. [29] Hampitongoà'e
fitàñe ty loha' i engan-kakeoy vaho ho lentae'e amy toem-pisoroñañey i engan-
kakeoy. [30] Handrambesa' i mpisoroñey an-drambom-pità'e ty lio'e naho hatente'e
amo tsifa' i kitrelim-pisoroñañeio vaho hadoa'e am-poto' i kitreliy ty sisa' i lio'ey.

31 Hafaha’e iaby ty safo’e, hambañe amy fañafahañe i safon’ engam-pañanintsiñey,
vaho hengae’ i mpisoroñey an-katoeñe amy kitreliy ho hàñim-pañanintsiñe am’
IEHOVÀ. Zay ty hañefera’ i mpisoroñey aze hañahà’e i tahi’ey.
32 Aa naho vik’ añondry ty hendese’e ho engan-kakeo, le ho vàve’e tsy aman-
kandra ty hendese’e. 33 Hanampeza’e fitàñe ty loha’ i engan-kakeoy, vaho ho
lentae’e ho soron-kakeo amy toem-pandentà’ iareo o isoroñañeoy. 34 Handrambesa’
i mpisoroñey an-drambom-pità’e ty lio’ i engan-kakeoy le hatente’e amo tsifa’ i
kitrelim-pisoroñañeio, vaho hadoa’e am-poto’ i kitreliy ty sisa’ i lio’ey. 35 Hafaha’e
iaby ty safo’e, hambañe ami’ty nañafahañe ty safo’ i vik’ añondry amy engam-
pañanintsiñeiy; le hengae’ i mpisoroñey amy kitreliy amo hisoroñañe am’ IEHOVÀo,
zay ty hañefera’ i mpisoroñey aze ty amy hakeo nanoe’ey vaho ho hahàñe i tahi’ey.

# 5

1 Aa naho eo ty manao hakeo amy te jinanji’e ty koim-pitaroñe, ie nivalolombeloñe
ke te nahaoniñe he nahafohiñe, fe tsy nabora’e, le ho vavè’e i tahiñey. 2 He eo ty
mitsapa raha faly, ke te fatem-biby faly, he faten’ añombe tsy malio, ke fatem-biby
faly mifamorohotse, ie nietak’ ama’e, vaho maleotse re, aman-tahiñe. 3 Ke tsapae’e
ty haleora’ ondaty, ndra ino ty tsy falio’e mahaleotse aze, naho tsy fohi’e, fe amy
andrendreha’e aze ro voa hakeo. 4 He eo ty mifanta tsy nisatrie’e, mivolañe tsi-
nahi’e an-tsoñi’e ke hanao raty he hanao soa, ze halosorañe mete hifantà’ ondatio,
fe mietak’ama’e, le ie maharendreke ro voa hakeo ami’ty raik’ ama’e. 5 Aa ie voa
hakeo amy raik’ amy rezay le hiantofa’e i nandilara’ey. 6 Hendese’e mb’ am’ IEHOVÀ
mb’eo ty engan-kakeo’e ty amy tahiñe nanoe’ey, ty vave’e boak’ amy mpirai-liay, ke
vik’ añondry ke ose, ho engan-dilatse, vaho hefera’ i mpisoroñey ty amy hakeo’ey.
7 Aa naho tsy lefe’e ty minday vik’añondry, le hengae’e am’ IEHOVÀ ho engan-
kakeo’e ty amy lilatse nanoe’ey, ty deho roe, he ty voromahilala tora’e roe; ty raike
ho engan-kakeo, le ty raike ho soroñe. 8 Hasese’e mb’ amy mpisoroñey mb’ eo, le
hengae’e heike i engan-kakeoy; ho lentae’e am-bozo’e fa tsy salàhañe. 9 Hafitse’e
añ’ila’ i kitreliy ty ila’ i lio’ i engan-kakeoiy vaho hampiorihe’e am-poto’ i kitreliy ty
ila’e. Soron-kakeo zay. 10 Hengae’e ho soroñe ka i faharoey ty amy fañè’ey. Aa le
hañefets’ aze i mpisoroñey ty amy hakeo nanoe’ey vaho ho hahañ’ ama’e.
11 Aa naho tsy lefe’e ty deho roe ndra ana-boromahilala roe, le hengae’e ty amy
hakeo nanoe’ey ty mona fahafolo’ ty efà ho engan-kakeo. Tsy hasia’e menake ndra
emboke fa engan-tahiñe. 12 Hendese’e mb’amy mpisoroñey mb’eo i banabanay, le
handrambesa’ i mpisoroñey ty mahàtsam-pità’e ho tiahy vaho hengae’e an-katoeñe
amy kitreliy, ambone’ o hisoroñañe am’ IEHOVÀo; soron-kakeo zay. 13 Inay ty
hañefera’ i mpisoroñey aze ty amy tahiñe nanoe’ey amy rezay, vaho hahàñe ama’e.
A’ i mpisoroñey ty sisa’e manahake i enga-mahakamay.

### *Fisolohoañe*

14 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 15 Naho mandilatse t’indaty, manao hakeo tsy
nisatrie’e amo raha miava’ IEHOVÀo, le ho banabanae’e am’ IEHOVÀ ho engan-kakeo’e
ty añondrilahy tsy aman-kandra boak’ amy mpirai-liay mindre ami’ty anjoanjo’o
an-tsekele volafoty amy sekele’ i toe-miavakeiy ho engan-dilatse. 16 Havaha’e i
nijoia’e amy raha niavakeiy, naho ho tovoña’e ty am-paha-lime’e vaho hatolo’e amy
mpisoroñey. Aa le hefera’ i mpisoroñey re amy añondrilahin-engan-dilatsey, le ho
hahañe ama’e.
17 Naho eo ty manao hakeo aman-dra inoñ’ inoñ’ amo nandrarà’ IEHOVÀ tsy
hanoeñeo, ndra te tsy nifohi’e le voa tahiñe vaho ho vavè’e i hakeo’ey. 18 Hendese’e
mb’amy mpisoroñey mb’eo ty añondrilahy tsy aman-kandra boak’ amy mpirai-liay
naho ty anjoanjoe’o ho engan-kakeo, le hañefetse aze ty amy lilatse tsy ni-satrie’e

ndra tsy nifohi'ey, i mpisoroñey vaho ho hahañe ama'e. [19] Engan-kakeo zay, ie
nandilatse am' IEHOVÀ.
[20] Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [21] Aa naho eo ty mandilatse am' IEHOVÀ
amy te nifañahie'e ty mpiama'e ami'te nahaja, ke nampitsoaheñe, he nikizoeñe; ke
nidramoteñe i mpiama'ey, [22] hera nirendreke ty nimotso fe mamañahy ty ama'e,
naho nandañitse aman-titike, hanaña'e hakeo aman-dra' inoñ' inoñe mete hanoe'
ondaty amy rezay, [23] le ie nandilatse naho voa-zaka, le havaha'e i nikamere'ey, ndra
i nidramote'ey, ndra i nahaja'ey, ndra i nimotso nioni'ey [24] ndra inoñ' ino nifantà'e
vìlañe. Le havaha'e mira naho hitompea'e ty faha-lime'e, vaho hatolo'e amy
tompo'ey amy andro banabanae'e i engan-dila'ey. [25] Hendese'e amy IEHOVÀ ty engan-
kakeo'e, ty añondrilahy tsy aman-kandra boak' am-pirai-lia, naho ty hanjoanjoe'o
ho engan-dilatse, mb'amy mpisoroñey. [26] Le hañefetse aze añatrefa' IEHOVÀ i
mpisoroñey ty amy tahiñe nanoe'e naha-voa-zaka azey, vaho ho hahañe.

# 6

*Ty amo Soroñeo*

[1] Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [2] Lilio t'i Aharone naho o ana'eo ami'ty hoe:
Zao ty fepè' o fisoroñañeo: hapok' amo hatae amy kitreliio i engaeñe harivay hialeñe
ampara' te porea' ty maraindray vaho hirehetse nainai'e i afo ambone' i kitreliiy.
[3] Ie fa niforototoeñe an' afo amy kitreliiy i soroñey, le haombe' i mpisoroñey i saro'e
leniy, ie fa nisikina'e i kiloti'e manaroñe i sandri'eiy, le ho rambese'e ty laveno'e vaho
hapo'e añ' ila' i kitreliy. [4] Hafaha'e hey o saro'eo, hisikiñe ty ila'e, vaho hendese'e
alafe' i tobey an-toetse malio añe i lavenokey. [5] Zay ty hampitolom-pirehetse ty
afo amy kitreliy, tsy hikipeke. Hanoron-katae ama'e boak' andro i mpisoroñey,
halaha'e ama'e ze hisoroñañe vaho hengae'e an-katoeñe ama'e ty safo' o engam-
pañanintsiñeo. [6] Tanan-kirehetse nainai'e amy kitreliy ty afo, vaho tsy hakipeke.
[7] Zao ty fetse' o enga-mahakamao: ho banabanae' o ana' i Aharoneo añatrefa'
IEHOVÀ aolo' i kitreliy. [8] Handrambesa'e ty mona' i enga-mahakama mahàtsa-pitañey
miharo amy mena'ey naho ze hene embok' amy enga-mahakamay, le hengae'e an-
katoeñe amy kitreliy ho tiahy, ho hàñim-pañanintsiñe am' IEHOVÀ. [9] Ho kamae' i
Aharone naho o ana'eo ty tsi-rì'e; ho kamaeñe tsy aman-dalivay an-toe-miavake ao;
an-kiririsan-kibohom-pamantañañe eo ty hikama' iareo aze. [10] Tsy hatoñak' aman-
dalivay re. Fa nandivako am' iareo boak' amo nisoroñañ' amakoo; ie miava-do'e,
manahake i engan-kakeoy naho i engan-dilatsey. [11] Ie ho fikama' ze hene ana-dahi' i
Aharone, ho fañè nainai'e amo tariratse mifandimbeo, amo fisoroñañe am' IEHOVÀo;
fonga hiavake ze mitsapa aze.
[12] Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [13] Zao ty ho enga' i Aharone naho o
ana'eo, ty hengae'e am' IEHOVÀ amy andro fañorizañe azey: mona fahafolo' ty efà
ho enga-mahakama nainai'e donia, ty vaki'e maraindraiñe vaho ty vaki'e hariva.
[14] Hanoeñe ami'ty kapeke miharo menake ie fa nigoñahe' ty menake, le hendese'o
ao, ho banabanae'o am-pìla'e natoñake ho enga-mahakama, hàñim-pañanintsiñe
am' IEHOVÀ. [15] I mpisoroñe norizañe handimbe aze boak' amo ana'eoy ty hañenga
i rahay; fañè nainai'e zay, le hene hengaeñe an-katoeñe am' IEHOVÀ. [16] Fonga ho
forototoeñe ze enga-mahakama' o mpisoroñeo, fa tsy ho kamaeñe.
[17] Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [18] Saontsio amy Aharone naho o ana'eo, ty
hoe: Zao ty fetse' i engan-kakeoy: amy fandentañe o hisoroñañeoy ty handentañe
o engan-kakeoo añatrefa' IEHOVÀ; ie miava-do'e. [19] Ty mpisoroñe misoroñe aze ty
amo hakeoo ty hikama aze. An-toe-miavake ty fikamà'e aze, an-kiririsan-kibohom-
pamantañañe ao. [20] Hiavake ze mitsapa ty nofo'e. Naho mipitsik' an-tsaroñe

ty lio’e le ho sasà’o amy toe-miavakey i nipitsiha’ey. 21 Ho foieñe ka ze valàñe-
tane nahandroañ’ aze; fa naho valàñe torisìke ty nahandroañ’ aze le ho kotriñeñe
vaho kintsañen-drano. 22 Songa mete mikama ama’e ze lahilahy amo mpisoroñeo.
Miavake zay. 23 Fe tsy azo kamaeñe ze soron-kakeo nangalan-dio, nendeseñe amy
kibohom-pamantañañey hanoem-pañeferañe amy toe-miavakey, ie tsy mete tsy
forototoeñe añ’afo.

# 7

1 Intoy ty fetse o engan-dilatseo, ie miava-do’e; 2 amy fandentañe o hisoroñañeoy
ty fandentañe ty engan-dilatse; le hadasi’e añariari’ i kitreliy ty lio. 3 Ty hengae’e, le
ty safo’e iaby: i hofa’e vondrakey naho ze safo’e mañohoñe o ova’eo, 4 naho ty voa
roe mitraok’ amo safo’e an-demeo, vaho hafaha’e rekets’ i voa rey i kambinatey; 5 le
hengae’ i mpisoroñey an-katoeñe amy kitreliy, hisoroñañe am’ IEHOVÀ, soron-dilatse
zay. 6 Ho fikamà’ ze hene lahilahy amo mpisoroñeo; ho kamaeñe amy toe-miavakey
ao; ie miava-do’e.
7 Tsy mifañova amy engan-kakeoy ty engan-dilatse; fetse raike ty a’ i roroey; a i
mpisoroñe mañefetse ama’ey izay. 8 Ty mpisoroñe mañenga ty fisoroña’ ondaty, le a
i mpisoroñey ty holi’ i nisoroñañey. 9 Le ze hene enga-mahakama atoñak’ an-toñak’
ao naho ze hene endazeñe am-balàñe ndra an-kapeke, le a i mpisoroñe mañenga
azey. 10 Ze enga-mahakama ila’e, ke linaro menake ke maike, le ho zaraeñe mira
amo ana’ i Aharoneo.

*Tovo’e*

11 Intoy ty fetsem-pisoroñañe o engam-pañanintsiñe banabanaeñe am’ IEHOVÀo:
12 naho engae’e ho fañandriañañe, le hatrao’e amy engam-pañandriañañey ty mofo
po-dalivay linaro menake naho mofo pisake po-dalivay nihosorañe menake, ndra
mofo ami’ty mona nigoñahe’ ty menake. 13 Le vonga-mofo aman-dalivay ty ho
banabanae’e miharo amy engam-pañanintsiñe ho fañandriañañey. 14 Boak’ amy
ze hengae’e iaby sindre andivà’e raike ho banabanae’e am’ IEHOVÀ. A i mpisoroñe
nametsake ty lio’ i engam-pañanintsiñey amy kitreliiy zay. 15 Ho kamaeñe amy andro
añengañ’ azey ty hena’ i soron-kanintsiñe ho fañandriañañey; tsy ho sisàñe ami’ty
loak’ andro. 16 Fe naho engam-panta he engan-tsatrin’ arofo i soroñey le ho kamaeñe
amy andro nisoroñañe azey, mbore mete kamaeñe ami’ ty loak’ andro ze nisisa; 17 fe
horoañe añ’afo ami’ty andro fahatelo ze tsy ri’e amy hena’ i soroñey. 18 Aa naho eo ty
hena nisoroñañe amy engam-pañanintsiñey ze kamaeñe amy andro fahateloy, tsy ho
no’e, vaho tsy ho volilieñe ama’e; toe tiva zay; le ho vavè’ ze ondaty mikama ama’ey
i tahi’ey. 19 Tsy ho kamaeñe ze nofotse nioza ami’ty raha tsy malio, fa ho forototoeñe
añ’afo. Fa naho o nofotseo, ho kamae’ ze malio. 20 Fe haitoeñe am’ondati’eo t’indaty
mikama amy hena engam-pañanintsi’ IEHOVÀy ie ama’e ty tsy falio’e. 21 Ze ondaty
mitsapa raha maloto: ke haleora’ ondaty, ke biby maloto, ke inoñ’ inoñe amo raha
mampangorìñeo, naho ikama’e ty hena’ i engam-pañanintsi’ IEHOVÀy, le haitoañe
am’ondati’eo indatiy.
22 Le hoe ty nitsarae’ IEHOVÀ amy Mosè: 23 Misaontsia amo ana’ Israeleo ty hoe:
Tsy ho kamae’ areo ty safon’ añombe ndra añondry ndra ose. 24 Le ty amo safom-
biby mate bobokeo ndra t’ie nirimitem-biby le azo anoan-draha, fe tsy ho kamae’
areo. 25 Ze ondaty mikama ty safom-biby, amo fañenga’ ondaty ho soroñañe am’
IEHOVÀ ro haitoañe am’ondati’eo. 26 Tsy ho kamae’ areo ty liom-boroñe ndra biby,
ndra aia’aia amo fitobea’ areoo. 27 Ze ondaty mihinan-dio, le haitoañe am’ondati’eo
indatiy.
28 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè, 29 Misaontsia amo ana’ Israeleo ty hoe: Ty
minday ty isoroña’e ho engam-pañanintsiñe am’ IEHOVÀ, le amy engam-pañanintsi’ey

ty ho banabanae'e am' IEHOVÀ. 30 O fità'eo ty hanese ze hisoroña'e am' IEHOVÀ.
Hasese'e ty safo'e rekets' i tratra'ey le hahelahela'e i tratra'ey ho engan-kelahela
añatrefa' IEHOVÀ. 31 Le hisoroña' i mpisoroñey ho hatoeñe amy kitreliy ty safo'e fa
a i Aharone naho o ana'eo i tratra'ey. 32 Le hanoe'o engan-kelahela amy mpisoroñey
ty tso'e havàna boak'amo engam-pañanintsiñe fisoroña' areoo. 33 Anjara ty ana'
i Aharone mañenga ty lio' i engam-pañanintsiñey naho o safo'ey i tso'e. 34 Fa
rinambeko amo engam-pañanintsi' o ana' Israeleoo ty tratran-kelahela naho ty tsom-
pañè vaho natoloko amy Aharone mpisoroñe naho amo ana'eo ho anjara' iareo boak'
amo ana' Israeleo nainai'e donia.
35 Amy andro naneseañe iareo hitoroñe IEHOVÀ ho mpisoroñey, ty nañambahañe
i anjara zay ho a i Aharone naho ho a o ana'eo amo fisoroñañe am' IEHOVÀo; 36 inay
i nandilia' IEHOVÀ te hatolo' o ana'Israeleo am' iareo amy andro nañorizañe iareoiy
ho fañè tsy modo amo tarira' iareo mifandimbe nainai'eo.
37 Zay ty fetse' o soroñeo, naho o enga-mahakamao, o engan-kakeoo, o engan-
dilatseo, o engam-pañorizañeo, vaho o engam-pañanintsiñe 38 nandilia' IEHOVÀ i
Mosè am-bohi-Sinay amy andro linili'e o ana'Israeleo ty hanese enga am' IEHOVÀ
am-patrambey Sinaiio.

# 8

*O Fañorizañeo*
*Avo. 29.1-37*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 2 Rambeso t'i Aharone naho o ana'e ama'eo,
o saro'eo, i mena-pañorizañey, i banian-engan-kakeoy, i añondrilahy roe rey vaho i
hàroñe ama' mofo po-dalivaiy, 3 le atontoño an-dalam-bein-kibohom-pamantañañe
eo i fivoribeiy. 4 Aa le nanoe' i Mosè i nandilia' IEHOVÀy, naho nifanontoñe an-
dalan-kibohom-pamantañañe eo i fivori-beiy; 5 le hoe t'i Mosè amy fivori-beiy, Inao
ty nandilia' IEHOVÀ hanoeñe.
6 Nendese' i Mosè mb'eo t'i Aharone naho o ana'eo vaho nampandroa'e an-drano.
7 Naombe'e ama'e i sikiñey, naho nidiaña'e i sadiay, nanikina'e i saroñey, naombe'e i
kitambey, le nadia'e i fièn-kitambe soa-vahotsey vaho nifeheza'e. 8 Le napeta'e ama'e
i takon' arañañey vaho nazili'e amy takon' arañañey ty Orimae naho i Tomimae;
9 naho nasabaka'e añ' ambone'e i sabakay vaho napeta'e amy sabakay, aolo'e eo, i
bogady volamenay; i ravan-daharañe miavake linili' IEHOVÀ i Mosèy.
10 Rinambe' i Mosè amy zao i mena-pañorizañey le noriza'e i kivohoy naho ze he'e
ama'e ao vaho nefera'e. 11 Nafitse'e amy kitreliy im-pito ty ila'e, le noriza'e i kitreliy
naho ze hene harao'e vaho i fanasàñey rekets' i foto'ey, hañefera'e. 12 Nañiliña'e
menake ty añambone' i Aharone le noriza'e hampiavahañ' aze.
13 Nendese' i Mosè mb'eo ka o ana' i Aharoneo vaho naombe'e o sikiñeo le nadia'e
sadia, le nifehe'e o sabaka' iareoo amy nandilia' IEHOVÀ i Mosèy.
14 Nitantalie'e mb'eo i banian-engan-kakeoy, le nanampeza' i Aharone naho o
ana'eo fitàñe ty loha' i banian-engan-kakeoy, 15 ie linenta, le nandrambesa' i Mosè
i lioy naho natente'e amy tsifa' i kitreliy rey añ'ariary aze an-drambom-pità'e vaho
nefera'e i kitreliy; nadoa'e am-poto' i kitreliy i lioy, le nefera'e, hañefera'e. 16 Le
fonga rinambe'e ty safotsena amo ova'eo, i kambinatey, ty voa roe reke-tsafo'e naho
nengae' i Mosè an-katoeñe amy kitreliy, 17 naho noroa'e alafe' i tobey i baniay, ty
holi'e, ty nofo'e, vaho ty tai'e; ami'ty nandilia' IEHOVÀ i Mosè.
18 Nampitotoheñe amy zao i añondrilahy hisoroñañey vaho nanampeza' i Aharone
naho o ana'eo fitàñe ty loha' i añondrilahiy, 19 le linenta, naho nafetsa' i Mosè
amy kitreliy añ'ariariy aze i lioy; 20 le nifatepatere'e i añondrilahiy, naho nengae'

i Mosè an-katoeñe ty loha'e, naho o fatets'enao, vaho o safo'eo. 21 Le nisasae'e aman-
drano o ova'eo naho o tombo'eo, vaho nengae' i Mosè an-katoeñe ambone' i kitreliy
i añondrilahy iabiy, fa soroñe, hàñim-pañanintsiñe, nisoroñañe am' Iehovà, amy
nandilia' Iehovà i Mosèy.
22 Nasese'e ka i añondrilahy faharoey, i añondrilahim-panokanañey, le nampi-
tongoà' i Aharone naho o ana'eo fitàñe ty loha' i añondrilahiy. 23 Le linenta
naho nandrambesa' i Mosè ty lio'e naho natente'e an-dengon-dravembia' havana'
i Aharone naho an-tondrobeim-pità'e havana vaho an-tondrobeim-pandia'e havana.
24 Nampomba'e mb'eo o ana' i Aharoneo le natente' i Mosè an-dengon-dravembia-
havana' iareo ty ila' i lioy, naho ami'ty tondrobeim-pitàn-kavana' iareo, naho an-
tondrobeim-pandia havana' iareo; vaho nafetsa' i Mosè añariariy i kitreliy i lioy.
25 Le rinambe'e i safotsenay naho i hofake vondrakey, naho ze safotsena amo ovao
naho i kambinatey naho i voa roe rey reke-tsafo'e vaho ty tso'e havana. 26 Le
nandrambe mofo po-dalivay raik' amy haroñe po-dalivay aolo' Iehovày, rinambe'e
ty mofo nañiliñañe menake naho ty mofo pisake, vaho napo'e amy safo'ey naho amy
tso'e havanay. 27 Napo'e am-pità' i Aharone naho am-pità' o ana'eo i he'e rezay, vaho
nahelahela ho engan-kelahela am' Iehovà. 28 Le rinambe' i Mosè am-pità' iareo irezay
vaho nengae'e an-katoeñe amy kitreliy mitraok' amy soroñey, ho sorom-panokanañe
mañonjoñe hàñim-pañanintsiñe, nengaeñe añ'afo am' Iehovà. 29 Le rinambe' i Mosè
i tratra'ey vaho nahelahela'e ho engan-kelahela am' Iehovà. Anjara' i Mosè amy
añondrilahi-panokanañey zay ami'ty nandilia' Iehovà i Mosè.
30 Nandrambesa' i Mosè i mena-pañorizañey naho ty lio amy kitreliy le nafitse'e
amy Aharone naho amo saro'eo naho amo ana'eo naho amo saro' iareoo. Le noriza'e
t'i Aharone rekets' o saro'eo naho o ana'eo rekets' o saro' iareoo.
31 Le hoe t'i Mosè amy Aharone naho amo ana'eo, Ahandrò an-dalan-kibohom-
pamantañañe eo i henay vaho ikamao ey naho ty mofo amy harom-pañengam-
panokanañey, ami'ty nandiliako ty hoe, Ho kamae' i Aharone naho o ana'eo; 32 le
ho forototoe' areo an' afo ao ze tsi-ri' i henay naho i mofoy. 33 Le tsy hiakatse i lalan-
kibohom-pamantañañey nahareo naho tsy modo ty fito andro, am-para' te heneke
o androm-pañorizañe anahareoo. Fito andro ty añoriza'e anahareo. 34 I nanoeñe
anindroaniy, ty nandilia' Iehovà hanoeñe; hañeferañe anahareo. 35 Aa le hidoñe
an-dalan-kitrelin-kibohom-pamantañañe eo handro an-kaleñe fito andro nahareo,
hitañe ty namantoha' Iehovà, tsy hivetrake; fa zay ty nandiliañe ahy.
36 Le nanoe' i Aharone naho o ana'eo ze hene nandilia' Iehovà am-pità' i Mosèo.

# 9

### *Fañorizañe ty Fisoroña' i Aharone*

1 Ie tsatoke ty andro fahavalo, le kinoi' i Mosè t'i Aharone naho o ana'eo vaho o
androanavi' Israeleo. 2 Le hoe re amy Aharone, Angalao bania raike ho engan-kakeo
naho ty añondrilahy hisoroñañe, tsy aman-kandra, le aseseo añatrefa' Iehovà. 3 Le
misaontsia ty hoe amo ana' Israeleo, Andrambeso vik'ose ho engan-kakeo naho ty
dronga naho ty vik' añondry tsy aman-kandra, songa rai-taoñe, hisoroñañe; 4 naho
ty bania vaho ty añondrilahy ho engam-pañanintsiñe, hengaeñe añatrefa' Iehovà;
naho ty enga-mahakama linaro menake. Amy te ho isake anito t'Iehovà.
5 Aa le nandese' iereo aolo' i kibohom-pamantañañey i nandilia' i Mosè rezay. Le
nitotoke mb'eo i valobohòkey nijohañe añatrefa' Iehovà. 6 Le hoe t'i Mosè, Zao ty
nandilia' Iehovà hanoe' areo, hitotsaha' ty volonahe' Iehovà.
7 Le hoe ty Mosè amy Aharone, Harineo i kitreliy naho soroño i engan-kakeo'oy
naho i hisoroña'oy, hañeferañe azo naho ondatio. Le soroño i nengae' ondatio
hañeferañe iareo, ty amy nandilia' Iehovày.

8 Aa le niharinea’ i Aharone i kitreliy vaho linenta’e i drongan’ engan-kakeo ho
azey. 9 Le nandesa’ o ana’ i Aharoneo ama’e ty lio. Nalo’e amy lioy ty rambo-pità’e,
le natente’e amo tsifa’ i kitreliio vaho nadoa’e am-poto’ i kitreliy i lioy. 10 Nengae’e an-
katoeñe amy kitreliy i safotsenay naho o voa’eo vaho i kambinate’ i engan-kakeoiy,
amy nandilia’ IEHOVÀ i Mosèy. 11 Finorototo an’ afo alafe’ i tobey i henay naho i
holitsey.

12 Linenta’e amy zao i hisoroñañey; le nasese’ o ana’ i Aharoneo ama’e i lioy,
vaho nadasi’e añariary i kitreliy. 13 Le nasese’ iareo ama’e i hisoroñañey: o fatets-
enao naho i lohay vaho nengae’e an-katoeñe amy kitreliy. 14 Sinasa’e o ovao naho o
tombokeo vaho nengae’e an-katoeñe ambone’ i soroñe amy kitreliiy.

15 Le nasese mb’eo ty nengae’ ondatio. Rinambe’e i osen’ engan-kakeo’ ondatioy le
linenta’e vaho nanoe’e soron-kakeo manahake i valoha’ey. 16 Nasese ka i engan-
koroañey vaho nisoroña’e ty amy fepè’ey. 17 Nendese’e i enga-mahakamay le
nandrambesa’e ty nahàtsa-pità’e vaho finorototo’e amy kitreliy, tovo’ i nisoroñañe
animaraiñey. 18 Le linenta’e i baniay naho i añondrilahiy, engam-pañanintsiñe ho a
ondatio. Nasese’ o ana’ i Aharoneo ama’e ty lio’e vaho nafetsa’e añariariy i kitreliy
i lioy; 19 le ty safo’ i baniay naho i añondrilahiy: i hofa’ey, ty safo’e mañohoñe o
aova’eo, ty voa’e roe rekets’ i kambin’atey, 20 napo’ iareo an-tratra’e eo o safo’eo le
nengae’e an-katoeñe amy kitreliy ty safo’e; 21 naho nahelahela’ i Aharone o tratra’eo
naho ty tso’e havana ho engan-kelahela añatrefa’ IEHOVÀ amy nandilia’ i Mosèy.

22 Nañonjom-pitàñe am’ondatio amy zao t’i Aharone, nitata, vaho nizotso amy
nanoe’e i engan-kakeoy naho i soroñey vaho i engam-pañanintsiñey. 23 Nizilik’ amy
kibohom-pamantañañey t’i Mosè naho i Aharone, le niavotse vaho nitata ondatio le
nisodeha am’ ondaty iabio ty enge’ IEHOVÀ. 24 Niforoake boak’ añatrefa’ IEHOVÀ ty afo
namorototo i soroñey naho ty safo’e an-kitrely eo, le fonga nahaoniñe zay ondatio
naho nikoiake vaho nibabok’ an-daharañe.

# 10

*Nadabe naho i Abiho*

1 Songa nandrambe ty sadron’ afo’e t’i Nadabe naho i Abiho, ana’ i Aharone, naho
nasia’ iareo afo, naho nampipohañ’ emboke vaho ninday afo tsie añatrefa’ IEHOVÀ,
ie tsy nandilia’e. 2 Aa le niforoake boak’ am’ IEHOVÀ ty afo namorototo iareo, vaho
nikoromak’ añatrefa’ IEHOVÀ.

3 Le hoe t’i Mosè amy Aharone, Zay ty talin-tsara’ IEHOVÀ, ie nanao ty hoe:
Hampiavahe’ o mpañarine ahikoo raho, vaho ho rengèñe añatrefa’ ondaty iabio.
Fe nianjiñe t’i Aharone.

4 Kinanji’ i Mosè t’i Misaele naho i Eltsafane, ana’ i Oziele, rahalahin-drae’ i
Aharone, le natao’e ty hoe: Mb’ etoa, takono boak’ aolo’ i toetse miavakey mb’ alafen-
tobe añe o longo’oo. 5 Aa le nimb’eo iereo nitakoñe aze aman-tsikiñe mb’ alafe’ i
tobey mb’eo, amy nitsarae’ i Mosèy.

6 Le hoe t’i Mosè amy Aharone naho amy Elazare naho Itamare, ana’e, Ko añafahan-
tsabaka ty añambone’ areo, naho ko mandria-tsaroñe tsy mone hihomake vaho
hifetsak’ am’ondaty iabio ty haviñerañe. Fe o longo’ areoo, i anjomba’ Israele iabiy
ty handala i famorototoañe niviañe’ IEHOVÀy. 7 Le ko mienga ty lalan-kibohom-
pamantañañe tsy mone hihomake, amy te ama’ areo ty mena-pañoriza’ IEHOVÀ. Le
nanoe’ iareo ty nitsarae’i Mosè.

8 Le hoe ty nitsarae’ IEHOVÀ amy Aharone, 9 Ko mikama divay ndra toake, ihe
naho o ana’o miharo ama’oo, t’ie mizilik’ amy kibohom-pamantañañey ao, tsy mone
hikoromake. Fañè nainaie amo tarira’ areo mifandimbeo zay, 10 hampiavahañe ty

masiñe ami'ty tsotra naho ty maleotse ami'ty malio, 11 naho hañanarañe o ana'
Israeleo ze hene fañè nitsarae' IEHOVÀ am' iereo am-pità' i Mosè.
12 Le hoe t'i Mosè amy Aharone naho amy Elazare vaho Itamare, sehangan' ana'e
rey: Rambeso ty enga-mahakama nisisa amy nisoroñañe am' IEHOVÀy, vaho ikamao
po-dalivay marine' i kitreliy fa miava-do'e. 13 Ho kamae' areo amy toe-miavakey amy
t'ie anjara'o naho anjara' o ana'oo boak' amy soroñañe am' IEHOVÀy, amy nandiliañ'
ahikoy. 14 Ho kamae'o ami'ty malio ka ty tratra' i engan-kelahelay naho ty tso' i
enga-kavoañey, ihe naho o ana-dahi'oo naho o anak-ampela'o miharo ama'oo, amy
t'ie natolotse ho zo'o naho zo' o keleia'oo boak' amo engam-pañanintsiñe fisoroña'
o ana' Israeleo. 15 Hasese' iareo mindre amo safo'e hisoroñañeo ty tson' engan-
kavoañe naho ty tratra' i engan-kelahelay, hahelahela ho engan-kelahela añatrefa'
IEHOVÀ. Le ho azo naho o ana' areo mindre ama'oo ho fañè tsy modo ami'ty nandilia'
IEHOVÀ.
16 Nitsoehe' i Mosè amy zao i osen' engan-kakeoy; inao finorototo! Niviñera'e t'i
Elazare naho Itamare, ana' i Aharone honka'e rey, ami'ty hoe: 17 Ino ty tsy nihinana'
areo i engan-kakeoy amy toe-miavakey ao? Miavake zay vaho natolon' Añahare
anahareo hivave ty hìla' i màroy hañeferañe iareo añatrefa' IEHOVÀ. 18 Inao, tsy
nasese amy toe-miavakey ty lio'e, aa le ho nihinana' areo amy toe-miavakey ao, amy
nandiliakoy.
19 Le hoe t'i Aharone amy Mosè: Ingo te binanabana' iareo anindroany i engan-
kakeo' iareoy naho o fisoroña' iareo añatrefa' IEHOVÀo; aa ty amy hene nizo ahiko
anianiy, naho nihinanako i engan-kakeoy anindroany ampivazohoa' IEHOVÀ, ho ni-
nò'e hao? 20 Ie jinanji' i Mosè zay le nisoa am-pihaino'e ao.

# 11

*Ty Malio naho ty tsy Malio*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè naho amy Aharone: 2 Saontsio amo ana' Israeleo
ty hoe: Iretoañe o raha veloñe ho fikama' areo amy ze hene bibi' ty tane toy. 3 Ze vaki-
hotro, ie misarake do'e o hotro'eo, naho mihota haneñe (amo bibio) le mahakama'
areo. 4 Fe tsy ho kamae' areo o mpihota naho o vaki-hotro retoañe: o ramevao, amy
te tsy vaki-hotro ndra t'ie mihota, aa le faly ama' areo. 5 O trandrakeo, amy te tsy
vaki-hotro ndra t'ie mihota le faly ama' areo. 6 O bitroo, amy te tsy vaki-hotro ndra
t'ie mihota, le faly ama' areo. 7 O lamboo, toe misarake o hotro'eo naho vaki-hotro
f'ie tsy mihota, le faly ama' areo. 8 Tsy ho kamae' areo o nofo'eo le tsy ho tsapae'
areo o fate'eo, faly ama' areo.
9 Iretoy ty ho fikama' areo amy ze he'e an-drano ao. Ndra inoñ' inoñe aman' elatse
naho sisy, he andrano he an-driake ke an-tsaka ao—le azo' areo kamaeñe. 10 Fe
ze raha iaby an-driake ndra an-tsaka ao tsy aman' elatse ndra sisi'e amo fonga raha
mifamorohotse an-dranoo naho amy ze hene raha veloñe an-drano, le tiva ama' areo;
11 veta ama' areo irezay. Tsy ho kamae' areo ty nofo'e, fa tiva ama' areo ty fate'e.
12 Ze raha an-drano ao tsy aman' elatse ndra sisy le tiva ama' areo.
13 Intoy ty tiva ama' areo amo voroñeo. O tsy ho kamaeñeo, o atao tivao: ty
tratràke, ty bevorotse naho ty salale; 14 ty fañaoke, naho ze atao vantio; 15 ze hene
koàke naho o rahamba'eo; 16 ty voron-tsatra, ty langopake, ty vorom-potsy, naho ze
hene karazan-kitikitike; 17 ty voron-dolo kede; ty voron-dolo mpañao-piañe naho ty
voron-dolo mpikodrìtse; 18 ty vorondolo foty, ty voron-dolon-tane maike, ty hondria;
19 ty sama naho ze karaza-dangoro, ty kotrohake vaho ty kananavy.
20 Tiva ama' areo ze hene bibi-kede aman' elatse, misitse aman-tombo'e efatse. 21 Fe
o bibi-kede aman' elatse, mpisitsitse aman-tomboke efatseo le azo kamaeñe o amam-
pange'e ambone' o piko'eo naho mitsindrèko an-taneo. 22 Iretoañe o azo kamaeñe

ama'eo: ty beitratra ty amo karaza'eo, ty andrombile ty amo karaza'eo, ty antsìñe ty
amo karaza'eo, naho ty valala ty amo karaza'eo. 23 Le tiva ama' areo ze hene biby
ila'e mifamorohotse naho mitiliñe, aman-tomboke efatse.

*Biby Faly*

24 Inay o mahaleotse anahareo; ze mitsapa ty fate'e le maleotse pak' amy harivay,
25 le ze mañongake ty fate am' irezay ro hanasa o siki'eo vaho haleotse pak' amy
harivay. 26 Ty amy ze hene biby vaky hotro naho tsy mizara, ndra o tsy mihotao, le
faly ama' areo, fonga maleotse ty mitsapa irezay. 27 Faly ama' areo ze biby mandia an-
delatomboke maleme amo mpandeha an-tomboke efatseo. Haleotse pak' amy harivay
ze mitsapa ty fate' irezay. 28 Hanasa o siki'eo ze mandrambe ty fate'e vaho haleotse
pak' amy harivay; ie faly ama' areo.

29 Intoy ka o raha faly amo biby milaly an-tane atoio: ty fanaloke, ty kotìka, ze
karazan-droso, 30 ty tràtrake, ty jirifòñe, ty voae, ty roson' añombelahy vaho ty tañe.
31 Songa faly ama' areo i raha milaly zay. Maleotse pak' amy harivay ze mitsapa ty
fate'e.

32 Le fonga haleotse ze raha ipaoha' ty mate amy rezay, ke hatae, ke lamba, ke
holitse, he haroñe—ze raha manañ' asa, le tsy mahay tsy ajorobo an-drano ao, naho
haleotse pak' amy harivay, vaho halio; 33 Ho foieñe ze valàñe tane ijoña' ty raik' am'
iereo; fonga haloto ze ama'e ao. 34 Haloto ze hene mahakama mete ho nikamaeñe te
ipaoha' i rano'ey, vaho haloto ka ze rano ho ninomeñe boak' amy fanakey. 35 Fonga
maloto ze ipoha' ty fate'e, ndra te toñake, ndra valàñe, le tsy mete tsy koromaheñe
fa maleotse. Songa maloto ama' areo irezay. 36 Ndra te zay, halio ty vovoñe ndra ty
kadaha ivorian-drano, fe haloto ze mitsapa ty fate'e. 37 Aa naho mipok' ami'ty tabiry
hamboleñe ze ho tongiseñe, ty ila' i fate'ey, malio i tabiriy. 38 Fa naho nañiliñan-
drano i tabiriy vaho mipok' ama'e ty ila' i fatey, le maleotse ama'o.

39 Haleotse pak'amy harivay ka ze mitsapa ty fatem-biby fihinañe, mate boboke.
40 Tsy mete tsy manasa o lamba'eo ze mikama amy fatey vaho haleotse pak' amy
harivay; mbore hanasa ty lamba'e ze mañongake i fatey vaho haleotse pak' amy
harivay.

41 Tiva iaby ze biby mifamorohotse ambone' ty tane toy—tsy ho kamaeñe.
42 Ze milaly an-tro'e, ke misitsitse an-tombo'e efatse, he maro tomboke, amo biby
mangetseketsek' an-tane atoio, tsy ho kamae' areo, fa tiva. 43 Ko mandeo-batañe amo
biby mifamorohotseo nahareo le ko andotoa'areo vatañe vaho ko mileotse ama'e.
44 Zaho IEHOVÀ Andriananañahare' areo. Aa le, miefera vaho miavaha, amy te masin-
dRaho. Ko mandeo-batañe amy ze mifamorohotse an-tane atoy. 45 Zaho IEHOVÀ
nañavotse anahareo an-tane Mitsraime añe ho Andriananañahare' areo. Aa le miavaha
amy te masin-dRaho.

46 Zay o fetse amo biby ndra voroñe ndra ze raha veloñe mpandeha amo ranoo
ndra mifamorohotse ambone' ty tane toio, 47 hañavahañe ty maleotse ami'ty malio,
naho hamìhañe o biby tsy kamaeñeo amo mete kamaeñeo.

# 12

*Ty Fañeferan' Ampela nahatoly*
*Lke. 2.22-24*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè, 2 Misaontsia amo ana'Israeleo, ty hoe:
Ie miareñe ty ampela naho misamak' ana-dahy, le haleotse re am-para' ty andro
faha-fito, manahake o androm-piambola'eo ty ho faleora'e. 3 Le ho tampaheñe ami'ty
andro fahavalo ty ofo'e. 4 Hidoñe am-pitaià'e ao re hiefetse ami'ty lio'e telopolo
andro telo amby, le tsy hitsapa raha miavake naho tsy hizilik' amy toe-miavakey

ampara’ te heneke o andro fitaià’eo. 5 Aa naho mone misamak’ ampela re le haleotse
hereñandro roe manahake i fiambola’ey, le hiefe-batañe andro enempolo-eneñ’amby
ty amy lio’ey.

6 Ie heneke ty androm-piefera’e, ke te lahilahy ke te anak’ampela, le hengae’e amy
mpisoroñe an-dalan-kibohom-pamantañañey ty vik’ añondry, lahi’e taoñe raike,
hisoroñañe, naho ana-boromahilala ndra deho ho engan-kakeo. 7 Le hengae’e
añatrefa’ IEHOVÀ, naho hañefetse aze, vaho halio re amy fiorihan-dio’ey. Zay ty fetse
ami’ ty rakemba nisamake lahilahy ndra ampela. 8 Aa naho tsy lefe’e ty añondry le
hindesa’e ana-boromahilala roe he deho roe; ty raike hisoroñañe vaho ty raike ho
engan-kakeo; le hañefetse aze i mpisoroñey vaho halio re.

# 13

*O Angamaeo*

1 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè naho i Aharone: 2 Ie mibotan-kolitse ke te
olatse amy t’indaty, he pepo maviake, ie hoe angamae amy holi’ey, le hasese mb’amy
Aharone mpisoroñe ndra mb’ami’ty raik’ amo ana’e mpisoroñeo mb’eo. 3 Ho
biribirie’ i mpisoroñey ty handra ami’ty holi’ i sandri’eiy; aa naho foty ty maròy
miakatse amy handray vaho oni’e laleke te amy holi’ i sandri’ey i handray le angamae
zay; ie savae’ i mpisoroñey le ho tseize’e te maleotse. 4 Aa naho foty i pepo maviak’
amy holin-tsandri’eoiy naho isake t’ie tsy laleke te amy holitsey naho tsy nikò-foty ty
maroi’e, le hampiambahe’ i mpisoroñey fito andro indaty voa’ i handray. 5 Ho savae’
i mpisoroñey re amy andro fahafitoy, aa ie tsy niova ampahaisaha’e aze i handray
naho tsy nandakak’ amy holi’ey i handray, le havi’ i mpisoroñey fito andro indraike.
6 Mbe ho savae’ i mpisoroñey indraike amy andro fahafitoy; aa naho toe nikepake
i handray vaho tsy nandakak’ amy holi’ey i handray, le ho tseize’ i mpisoroñey t’ie
malio. Heza’e avao zay le ho sasà’e o siki’eo vaho halio. 7 Aa naho mone nandakak’
amy holitsey i baey, ie fa nioni’ i mpisoroñey ty amy fañaliova’ey le hiheo mb’amy
mpisoroñey mb’eo indraike re. 8 Ie isa’ i mpisoroñey te toe nandakake i bae amy
holi’eiy, le ho tseize’e t’ie maleotse; angamae zay.

9 Ie silofe’ ty handra t’indaty le hasese mb’amy mpisoroñey mb’eo, 10 le hisava
aze i mpisoroñey; aa naho isa’e te mibontam-poty i holi’ey naho nampifotie’e ty
maròy ama’e, mbore ama’e ty nofotse veloñe miboak’ amy nienatsey, 11 le fa lili’e i
angamae an-koli-tsandri’e; ho tseize’ i mpisoroñey t’ie maleotse, fe tsy hagabeñe ao,
toe faleora’e. 12 Aa ie mandakak’ amy holitsey i angamaey, naho mipàtsake boak’
añ’ambone pak’ am-pandia an-koli’ i aman-kandray ndra aia’aia isahe’ i mpisoroñey
i angamaey, 13 le ho savae’ i mpisoroñey hey, aa ie isake te nahatsitsike i sandri’ey
i angamaey, le ho tseize’e te malio i aman-kandray; kanao nikò-foty iaby le malio.
14 Fe ndra mbia’mbia te miboak’ ama’e ty nofotse veloñe, le haleotse re. 15 Ho savae’
i mpisoroñey i nofo-beloñey vaho ho tseize’e t’ie maleotse; amy te maloto i nofo-
beloñey. Angamae re. 16 Ie mivalike indraike i nofo-beloñey, miova ho foty, le homb’
amy mpisoroñey mb’eo re. 17 Ho savae’ i mpisoroñey, ie toe nikò-foty i handray, le
ho tseize’ i mpisoroñey te malio i aman-kandray. Malio re.

18 Ie teo ty nitovoañe an-koli’ i sandriñey, fe nimelañe 19 naho mandimbe i
baey ty fivontoañe foty ndra ty pepo maviake, mena minday foty, le haboak’ amy
mpisoroñey; 20 aa ie isa’ i mpisoroñey te laleke ta’ i holitsey zay, vaho fa foty o
maroi’eo, le ho tseize’ i mpisoroñey te maleotse. Angamae ty nirofotse amy baey.
21 F’ie misava aze i mpisoroñey naho isa’e te tsy ama’e ao i maròy fotiy naho tsy
laleke te amy holitsey mbore nitsiteke, le hazoizoi’ i mpisoroñey fito andro. 22 Aa
naho mandakak’ amy holitsey, le ho tseize’ i mpisoroñey t’ie maleotse. Angorosy

zay. 23 Aa naho tambatse eo i pepo maviakey, tsy mandakake; le heza’ i baey avao
zay vaho ho tseize’ i mpisoroñey t’ie malio.

24 Naho amy holin-tsandriñe eo t‘ie mae hoe afo vaho miboak’ amy nimelañe amy
nimae’eiy ty pepo maviake, foty minday mena, ndra foty; 25 le ho savae’ i mpisoroñey,
ie isa’e te foty ty maròy miakatse amy pepo maviakey naho hoe laleke te amy holitsey,
le angamae zay, fa nirofotse boak’ amy nimaey; vaho ho tseize’ i mpisoroñey t’ie
maleotse, angamae zay. 26 F’ie isa’ i mpisoroñey te tsy a’ maròy foty i pepo maviakey
naho tsy laleke te amy holitsey vaho niko-mavo; le havi’ i mpisoroñey fito andro.
27 Hisava aze amy andro faha-fitoy i mpisoroñey, le ie nandakak’ amy holitsey, ho
tseize’ i mpisoroñey t’ie maleotse, angamae zay. 28 Aa naho tambatse amy toe’ey
i pepo maviakey fa tsy nandakak’ amy holitsey, naho niko-mavo, le nitombolatse i
hamaey; ho tseize’ i mpisoroñey te malio indatiy, fa heza’ i hamaey avao.

29 Naho eo ty lahilahy ndra ampela aman-kandra añambone’e ndra an-tanteahe’e,
30 le ho savae’ i mpisoroñey i handray; aa naho isake t’ie laleke te amy holitsey, naho
a’ maròy matify maviake ty ao le ho tseize’ i mpisoroñey te maleotse. Angamae
mirofotse zay, añambone ndra an-tsomotse ao. 31 Aa naho savae’ i mpisoroñey i
handra mañezañey, le isa’e t’ie tsy laleke te amy holitsey naho tsy ama’e ty volo
mainte, fe havi’ i mpisoroñey fito andro i aman-kandra mañezañey. 32 Ie amy andro
fahafitoy le ho savae’ i mpisoroñey i handray; aa naho tsy nandakake o hezao, naho
tsy ama’e ty volo mavoñe, vaho tsy laleke te amy holitsey i mañezañey, 33 le hiharatse
re fe tsy harate’e o hezao. Le havi’ i mpisoroñey fito andro indraike i aman-kezay.
34 Ho savae’ i mpisoroñey amy andro fahafitoy o hezao; ie onin-te tsy nandakak’ amy
holi’ey o mañezañeo, naho tsy laleke te amy holi’ey le ho tseize’ i mpisoroñey t’ie
malio. Ho sasà’e o siki’eo le halio re. 35 Fa naho toe mandakak’ amy holitsey o hezao
ie fa nalio, 36 le ho savae’ i mpisoroñey; aa naho toe nandakak’ amy holitsey o hezao
le tsy hipay maròy mavoñe ka. Tsy malio re. 37 Fe naho isake te mizitse eo avao o
heza’eo naho mitiry ama’e ty maròy mainte, le fa melañe o hezao. Malio le ho tseize’
i mpisoroñey t’ie malio.

38 Naho pepo maviake ty an-koli’ ondaty ndra ampela, toe pepo foty maviake, 39 le
ho savae’ i mpisoroñey; aa ie mavomavo ty hamendo’ o pepo amy holi’ i sandriñeio,
le akiry avao zay. Malio indatiy.

40 Naho nihintsa-maròy t’indaty, ie mondoy añambone, le malio. 41 Naho
mihintsañe ty maroin-dahara’ ondaty, tsiamaroin-daharan-dre, fe malio. 42 Aa naho
miboak’ añambone ndra an-daharañe tsiamaròy ty handra foty minday mena, le
angamae ty mirofotse amy añambone’e bodoy ndra amy lahara’e solay. 43 Ho savae’
i mpisoroñey, aa naho toe foty mikò-mena ty fibontaña’ i handra añambone’e
tsiamaròy ndra an-dahara’e tsiamaròiy, hambañe ami’ty fiboaha’ ty angamae an-
koli-tsandriñe, 44 le voa’ ty angamae indatiy, tsy malio. Tsy mete tsy hitsey ty
haleora’e i mpisoroñey; añambone’e i hasilofa’ey.

45 Aa ie angamae aman-kandra, le hisikin-drota, hapoke hiniñaniña o maroi’eo,
naho ho rakofe’e ty fivimbi’e ambone vaho hikoikoike ty hoe: Tsy malio, Tsy malio.
46 Haleotse re amo hene andron-kasilofa’eo; tsy malio. Am-bangiñe ao ty himoneña’e;
vaho ho alafe’ i tobey ty akiba’e.

47 Ty amo sikiñeo: naho ama’e ty handran’ angamae ke an-damba volon’ añ´ondry
he an-tsiky leny; 48 ke an-tenoñe, he añ’isañe, an-deny ndra am-bolon’ añondry,
ke an’ angozy hera an-tsatan-kolitsena inoñe, 49 aa naho miboake amy handray ty
antsetra ndra mena an-tsikiñe ndra an-kolitse, ke an-tenoñe, he añ’ isañe, ke añ’
angozy, he an-kolitsena inoñe, le angamae zay vaho hatoro amy mpisoroñey. 50 Ho
savae’ i mpisoroñey i handray vaho hakafi’e ao fito andro i aman-kandray. 51 Ho
sarie’e ami’ty andro faha-fito i handray. Aa naho nandakak’ amy lambay i handray

hera an-tenoñe, ke añ'isañe, he añ' angozy ke an-kolits-ena inoñe, le angamae
mifindra i handray, maleotse zay. 52 Ho forototoe'e i sikiñey ; aa ke te an-tenoñe,
he añ'isañe, ke am-bolon' añondry he an-deny, hera an-kolitsena inoñe ty angamae
mifindra, le ho hotomomoheñe añ'afo.
53 Aa ie savae' i mpisoroñey naho isa'e te tsy nandakak' amy sikiñey i handray,
ke an-tenoñe, he añ' isañe, he an-kolits-ena inoñe, 54 le ho lilie' i mpisoroñey te ho
sasaeñe i sikiñe niboaha' i handray, vaho hakafi'e ao fito andro ka. 55 Ie fa sinasa i
aman-kandray le ho savae' i mpisoroñey. Aa ie tsy niova ty volo' i handray ndra te tsy
nandakake i handray, le maleotse; ho forototoe'o añ'afo, ke te ambone'e i fisolañey
he am-panda'e.
56 Aa naho sarie' i mpisoroñey le zoe'e te nikepake i handray, ie sinasay, le ho riate'e
amy sikiñey ndra amy angoziy, ndra an-tenoñe, ndra añ'isañe. 57 Aa ie miboake
indraik' amy sikiñey ke an-tenoñe ke añ'isañe he aman-kolitse inoñe o firofotañeo,
le ho forototoe'o añ'afo i aman-kandray. 58 Aa naho sasaeñe i sikiñey le nimosaoñe
i handra an-tenoñe he añ'isañe, he añ' inoñe holits-ena, le ho sasañe fañindroe'e
vaho halio.
59 Zay ty Fetse' o handran' angamae an-tsikiñeo ke te an-tenoñe he añ'isañe, hera
inoñe añ'angozy, ty handrendrehañe t'ie malio he t'ie maleotse.

# 14

*Ty Angamae' Ondaty naho Akiba*
*Mat 8.1; Lk 5.12-14*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 2 Zao ty ho fetsen' angamae amy andro
añeferañe azey, t'ie hasese mb'amy mpisoroñey mb'eo; 3 hiavotse i tobey i
mpisoroñey, le hisava aze ey i mpisoroñey, aa ie isa'e te melañe ty handran'
angamae amy 'ndatiy, 4 le ho lilie' i mpisoroñey ty haneseañe voroñe roe malio
naho ty mendoraveñe naho ty fole mena vaho ty seva ho amy heferañey. 5 Ho lilie'
i mpisoroñey ty handentàñe am-balàñe tane ao ambone rano mikararake ty voroñe
raike. 6 Ho rambese'e ty voroñe veloñe naho i mendoraveñey naho i fole menay
naho i sevay vaho halò'e mindre amy voroñe veloñey ami'ty lio' i voroñe linenta
ambone' i rano veloñeiy. 7 Le ho fitseza'e im-pito i heferañe amy angamaeiy, naho
hitsey t'ie malio, vaho havotso'e an-kivoke malalake ey i voroñe veloñey.
8 Ho sasà' i heferañey o siki'eo, le hitsifa'e iaby o maroi'eo, naho hiandro an-drano,
vaho halio. Añe zay, le mete mimoak' an-tobe re, fe hitoetse alafe' i kiboho'ey fito
andro. 9 Ie amy andro faha-fitoy ro hañitsike o maroi'e iabio, naho ty tanteahe'e,
naho o hie'eo; fonga ho harate'e ze atao volo ama'e. Ho sasà'e o saro'eo naho
hampiandroe'e ty sandri'e vaho halio.
10 Amy andro fahavaloy ty handrambesa'e vik'añondrilahy roe tsy aman-kandra,
naho añondri-vave vanto'e tsy aman-kandra naho mona telo ampaha-folo' ty
famarañe ho ravoravo, linaro menake, vaho menake *loge raike. 11 Sindre hijadoñe
añatrefa' IEHOVÀ an-dala' i kibohom-pamantañañey i mpisoroñe mañefetse azey
naho indaty heferañey vaho i raha rezay. 12 Handrambe raik' amy vik' añondrilahy
rey i mpisoroñey le hampañarinea'e, naho hengae'e ho engan-dilatse, naho i menake
loge raikey, vaho hahelahela'e ho engan-kelahela añatrefa' IEHOVÀ. 13 Le ho lenta'e
i anak' añondrilahiy ami'ty fandentañe o engan-kakeo naho enga-oroañe amy toe-
miavakeio, fa a i mpisoroñey i engan-dilatsey manahake o engan-kakeoo; ie miava-
do'e. 14 Le handrambesa' i mpisoroñey ty lio' i engan-dilatsey naho hatente'e an-
dengon-dravembia havana' i heferañey naho an-tondro-beim-pità'e havana vaho
an-tondro-beim-pandia'e havana. 15 Handrambesa' i mpisoroñey i menake loge

* **14:10** loge = kapoake raike; famarañe rano

raikey vaho añaliña’e an-dela-pità’e havia. 16 Le halò’ i mpisoroñey amy menake
am-pità’e haviay i rambo-pità’e havanay vaho hapitsipitsin-drambo-pità’e im-pito
añatrefa’ IEHOVÀ i menakey. 17 Hangala’ i mpisoroñey i menak’ am-pità’e haviay
le hatente’e an-dengon-dravembia’e havana’ i heferañey naho an-tondro-beim-pità’e
havana naho an-tondro-beim-pandia’e havana amy lion-engan-dilatsey. 18 Hapeta’ i
mpisoroñey amy añambone’ i heferañeiy ty menake sisa am-pità’e ao; le hefera’ i
mpisoroñey añatrefa’ IEHOVÀ: 19 Hengae’ i mpisoroñey i engan-kakeoy hañefetse
ty haleora’ i heferañey. Heneke zay le ho lentae’e i hisoroñañey; 20 Hengae’ i
mpisoroñey amy kitreliy i soroñañey naho i enga-mahakamay, zay ty hañefera’ i
mpisoroñey aze, vaho halio.
21 Aa ie rarake, tsy taka’ o fanaña’eo, le handrambesa’e añondrilahy vi’e raike
ho engan-dilatse hahelahela, hañeferañe aze, naho mona fahafolo’ ty efà linaro
menake ho enga-mahakama, naho ty menake loge raike, 22 vaho deho roe ndra ana-
boromahilala roe—ze takam-pita’e: ty raike ho engan-kakeo le ty raike hisoroñañe.
23 Ie amy andro fahavaloy ro hinday irezay mb’amy mpisoroñey hañeferañe aze,
an-dalan-kibohom-pamantañañe eo, añatrefa’ IEHOVÀ; 24 ho rambese’ i mpisoroñey
i vik’añondrin’ engan-dilatsey naho i loge menakey vaho hahelahela’ i mpisoroñey
añatrefa’ IEHOVÀ ho engan-kelahela. 25 Ho lentae’e amy zao i vik’ añondrin’ engan-
dilatsey le hangala’ i mpisoroñey amy lion’ engan-dilatsey ty hatente’e an-dengon-
dravembia havana’ i heferañey, naho an-tondro-beim-pità’e havana vaho an-tondro-
beim-pandia’e. 26 Le hañiliña’ i mpisoroñey an-dela-pità’e havia i menakey, 27 le
hafitse’ i mpisoroñey an-drambo-pità’e havana im-pito añatrefa’ IEHOVÀ ty ila’ i
menake am-pità’e haviay. 28 Le i menak’ am-pità’ey ty hatente’ i mpisoroñey
an-dengon-dravembia havana’ i heferañey, naho amy tondro-beim-pità’e havanay
naho amy tondro-beim-pandia’e havanay amy nanenteña’e i lion-engan-dilatseiy.
29 Hapeta’ i mpisoroñey ami’ty añambone’ i heferañey ty sisa’ i menak’ am-pità’e
haviay, hañeferañe aze añatrefa’ IEHOVÀ. 30 Le ho banabanae’e ty raik’ amy deho rey
ndra amy ana-boromahilala rey, ze lefe’e, 31 ze takam-pita’e, engan-kakeo ty raike le
soroñe ty raike, tovo’ i enga-mahakamay; vaho hefera’ i mpisoroñey añatrefa’ IEHOVÀ
i eferañey. 32 Zay ty fetse amy handran’ angamae naho tsy lefem-pità’e ty hañenga
ho amy fañeferañe azeiy.
33 Le hoe ty tsara’ IEHOVÀ amy Mosè naho Aharone: 34 Ie mizilik’ an-tane Kanàne
añe, i hatoloko ho fanañañey naho hapoko an-kiboho’ areo an-tane-panaña’ areo ao
ty handran’ angamae, 35 le hiheo mb’ amy mpisoroñey mb’eo ty tompo’ i anjombay
hanao ty hoe, Naho amako, le hoe angorosy ty an-trañoko ao. 36 Aa le ho lilie’ i
mpisoroñey ty hampikoahañe i anjombay aolo’ ty iziliha’ i mpisoroñey hibiribiry
i handray, soa tsy ho leoreñe iaby ze amy anjombay ao; ie heneke zay le hizilik’
amy anjombay i mpisoroñey hisava aze. 37 Le ho biribirie’e i handray; aa naho
tendreke te toe andrindri’ i trañoy ty handra an-toe’e mikafokafoke menamena
ndra antsetra, naho hoe laleke te amy tarehe’ i rindriñey, 38 le hiavotse amy lala’ i
anjombay i mpisoroñey vaho harindri’e fito andro i anjombay. 39 Homb’eo indraike
i mpisoroñey amy andro faha-fitoy hisava; aa naho nandakak’ amo rindri’ i akibaio
i handray, 40 le ho lilie’ i mpisoroñey te hakareñe o vato nanjoàñe i handraio vaho
hariañe an-tane tiva alafe’ i rovay añe. 41 Le fonga hampikiahe’ i mpisoroñey ty
añariari’ ty am-po’ i anjombay vaho hariañe an-deotse alafe’ i rovay añe i deboke
nikiaheñey. 42 Hampijòña’ iereo vato hafa hasolo o vato teoo, vaho hangalà’ iereo
pakotse hapakotse i anjombay.
43 Aa naho mirofotse amy anjombay indraike i handray, ie fa nakatra’e o vatoo,
naho nikiahe’e i trañoy vaho nipakora’e, 44 le hizilik’ ao i mpisoroñey hisava; ie
oni’e te nandakak’ amy anjombay i handray, le angamae mipatsake amy anjombay

ao zay, maleotse. [45] Le ho robahe'e i anjombay, o vato'eo, o hatae'eo, naho ze pakotse
ama'e iaby, vaho hendese'e mb' an-deotse alafe' i rovay añe; [46] vaho haleotse pak'
amy harivay ze ondaty nizilik' amy akiba maleotsey amy ze andro naha-katoke aze.
[47] Hanasa o siki'eo ze nandre amy anjombay vaho hanasa o siki'eo ka ze nikama amy
anjombay ao.
[48] Fe naho mizilik' ao i mpisoroñey misava aze vaho toe tsy nandakak' amy
anjombay i handray naho fa nipakorañe i anjombay, le ho tseize' i mpisoroñey te
malio i anjombay, amy te melañe i handra'ey. [49] Le ty hañeferañe i anjombay,
handrambe voroñe roe re naho mendoraveñe naho mena vaho seva. [50] Ho lentae'e
am-balañe tane ambone' rano mikararake ty voroñe raike, [51] le ho rambese'e i
mendoraveñey, naho i sevay naho i fole menay rekets' i voroñe veloñey naho
halò'e amy lio' i voroñe linentay naho amy rano mikararakey, vaho hafitsi'e im-
pito amy anjombay. [52] Zay ty hañaliova'e i anjombay ami'ty lio' i voroñey naho
amy rano mikararakey naho amy mendoraveñey naho amy sevay vaho amy menay.
[53] Havotso'e alafe' i rovay an-kivoke malalake ey ka i voroñe veloñey, zay ty
hañefera'e i anjombay, le halio.
[54] Izay ro fetse amy ze hene handran' angamae naho o mandrekedreketseo, [55] naho
ami'ty angamae an-tsikiñe naho añ'akiba [56] naho ami'ty tombolatse ndra ty firofotse
ndra ty pepo mendo, [57] hañohañe ty haleora'e naho ty haliova'e. Zay o fetsen'
angamaeo.

# 15

*O Ranoke Miakatse an-tSandriñeo*
[1] Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè naho Aharone: [2] Saontsio amo ana' Israeleo ty
hoe:
Ie mandranoke ty sandrin-dahilahy le maleotse i fandranohañey. [3] Hoe zao ty
fandeora' i fioriha'ey: ke ampiorihe' i sandri'ey, ke jenjeñe' i sandriñey tsy handrano,
fa songa haleora'e. [4] Fonga haleotse ze fandrea andrea' i mandranoy, sindre haleotse
ze iambesara'e. [5] Hanasa o siki'eo ze mitsapa i tihi'ey, naho hiandro an-drano, le ie
tsy halio ampara' te hariva. [6] Hanasa o siki'eo ka ze miambesatse amy niambesara'
i mandranoiy, vaho hiandro an-drano, le tsy halio ampara' te hariva. [7] Hanasa o
siki'eo naho hiandro an-drano ka ze mitsapa ty sandri' i mandranoy vaho tsy halio
am-para' te hariva. [8] Aa naho androrà' i mandranoy ty malio, le hanasa o siki'eo
naho hiandro an-drano re vaho tsy halio ampara' te hariva. [9] Haleotse ka ze sarete
ijoña' i mandranoy. [10] Tsy halio am-para' te hariva ty mitsapa ze raha tambane'e ao,
hanasa o siki'eo re; le hiandro an-drano ze minday i rahay vaho haleotse ampara'
te hariva. [11] Hanasa o siki'eo, naho hiandro an-drano, le tsy halio ampara' te hariva
ze hene tsapae' i mandranoy naho tsy sasà'e an-drano hey o fità'eo. [12] Ho foieñe ze
valàñe-tane nitsapae' i mandranoy, le hene ho popohen-drano ze finga hatae.
[13] Ie nilioveñe amy fandranoa'ey indaty nandranoy, le hañiake fito andro ho
amy fañaliova'ey; ho sasà'e o siki'eo naho hampiandroe'e an-drano mikararake*
i sandri'ey, vaho halio. [14] Ie amy andro fahavaloy, le handrambe deho roe ndra
ana-boromahilala roe re naho hiheo mb' añatrefa' IEHOVÀ mb'an-dalan-kibohom-
pamantañañe mb'eo, vaho hatolo'e amy mpisoroñey. [15] Le hengae' i mpisoroñey,
ty raike ho engan-kakeo, ty raike hisoroñañe, vaho hañefetse aze añatrefa' IEHOVÀ
i mpisoroñey ty amy fandranoa'ey.
[16] Aa naho iakaran-drom-pilahiañe t'indaty, le hampiandroe'e an-drano i sandri'e
iabiy, vaho haleotse am-para' te hariva. [17] Fonga ho sasañe an-drano ze lamba ndra
holitse nipoha' i rompilahiañey, vaho tsy halio am-para' te hariva. [18] Ie miolotse

* **15:13** toe "rano veloñe" manahake ty filiporañe an-tsaka ao

ami’ty ampela ty lahilahy naho miakatse ty rom-pilahiañe, le hiandro an-drano iereo
roroe vaho tsy halio am-para’ te hariva.

19 Naho mañaka-ranoke ty ampela, le lio ty miakatse i sandri’ey le ho tambatse amy
haleoram-piambola’ey fito andro re, vaho haleotse ze mitsapa aze ampara’ te hariva.
20 Sindre haleotse ze andrea’e amy fiambaha’ey; songa haleotse ka ze iambesara’e.
21 Hanasa o siki’eo naho hiandro an-drano ze mitsapa ty fandrea’e vaho tsy halio
am-para’ te hariva. 22 Hanasa o siki’eo naho hiandro an-drano ka ze mitsapa ty
niambesara’e, vaho tsy halio am-para’ te hariva. 23 Vata’e tsapae’e ty fandrea’e ndra
ze niambesara’e le maleotse ampara’ te hariva. 24 Naho mitrao-sarimbo ama’e ty
lahilahy, le midoñe ama’e i haleora’ey le haleotse fito andro, vaho haloto ka ze
andrea’e.

25 Naho miaka-dio andro maro tsy amy fiambola’ey ty ampela, he andro
mandikoatse i fiambola’ey, le ampanahafeñe amy haleoram-piambola’ey ze hene
andro iakaran-deotse ama’e. Tsy halio re. 26 Hanahake ty fandream-piambola’e ze
fandreañe andrea’e amy fiakaran-dio’ey; vaho haleotse ka ze iambesara’e, manahake
i haleoram-piambola’ey. 27 Songa haleotse ze mitsapa irezay; ho sasa’e ty siki’e le
hiandro an-drano, vaho tsy halio ampara’ te hariva. 28 Ie malio amy fiakaran-dio’ey,
le hañiake fito andro, tampetse zay vaho halio. 29 Ie amy andro fahavaloy, hangalake
deho roe ndra ana-boromahilala roe ho ambata’e, le hasese’e amy mpisoroñe an-
dalan-kibohom-pamantañañey. 30 Le hengae’ i mpisoroñey ho engan-kakeo ty raike
le hisoroñañe ty raike, zay ty hañefera’ i mpisoroñey aze añatrefa’ Iehovà ty amy
fiakaran-kaleora’ey.

31 Zay ty hampiambaha’ areo o ana’ Israeleo amo haleora’eo, tsy mone hikoromak’
amo haleora’eo ty amy fanivàñe i kivohoko añivo’ iereoy.

32 Zay ty fetse i mandranokey, naho indaty iakaran-drom-pilahiañe mampaleotse
azey, 33 naho i rakemba silofe’ ty haleoram-piambola’ey, naho i iakaran-dranokey ke
lahy he ampela, vaho indaty mifandia-tihy ami’ty ampela amy haleora’eiy.

# 16

### *I Andro-pañeferañey*

1 Hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè naho fa nikoromake i ana-dahi’ i Aharone roe
rey, ie nañarine am’ Iehovà vaho nivetrake; 2 aa hoe t’Iehovà amy Mosè: Saontsio
aman-drahalahi’o Aharone ty tsy himoake tsi-nahy amy toe-miavake añate’ i lamba-
fañefetsey ao, hiatrek’ am’ i toem-pijebañañe ambone’ i vatam-pañinaiy, tsy mone
hihomake, fa miboak’ amy rahoñe ambone’ i toem-pijebañañeiy raho. 3 Zao ty
hiziliha’ i Aharone amy Toe-miavakey ao: reketse ty bania ho engan-kakeo, naho
ty añondrilahy hisoroñañe. 4 Hiombea’e i saroñe leny miavakey naho o saroñe leny
manaroñe i sandri’eio; ho diañe’e i fiètse leniy, vaho hiombea’e i sabaka leniy; ie
sindre sikiñe miavake; ho sasà’e an-drano hey i sandri’ey, vaho hañombe irezay.

5 Le hangalake vik’oselahy roe amy fivori’ bein’ ana’ Israeley re ho engan-kakeo,
naho ty añondrilahy hisoroñañe.

6 Le hasese’ i Aharone i banian’ engan-kakeo ho am-bata’ey, hañefera’e ty vata’e
naho i anjomba’ey. 7 Ho rambese’e i ose roe rey, vaho hampijohaña’e aolo’ Iehovà an-
dalan-kibohom-pamantañañe eo. 8 Le hanao kitsapake amy ose roe rey t’i Aharone;
ty tsapake raike ho a Iehovà vaho ty tsapake raike ho a i Azazele. 9 Ho banabanae’
i Aharone i ose niazo an-tsapake ho a’ Iehovà le hengae’e ho engan-kakeo, 10 fe
hampijohañañe veloñe aolo’ Iehovà i ose niazo an-tsapake ho a i Azazeley, hanoañe
fañeferañe vaho hampihitrifeñe mb’am-patrambey mb’amy Azazele añe.

11 Hengae’ i Aharone amy zao i banian’ engan-kakeo ho am-bata’ey, hañefetse ty
vata’e naho o añ’anjomba’eo, vaho ho lenta’e i banian’ engan-kakeo ho am-bata’ey.
12 Ho rambese’e ty sadro pea vae mirekake boak’ amy kitrely añatrefa’ Iehovày, naho
ty emboke mañitse dinemoke mahaatsa-pitàn-droe vaho hasese’e mb’amy lamba-
fañefetsey ao, 13 hapo’e ambone’ i afo añatrefa’ Iehovày i embokey, hañàmpoa’e
i toem-pijebañañe ambone’ i fañinaiy i hatoen-embokey, tsy mone hivetrake re.
14 Handrambesa’e ty lio’ i baniay le hafitsen-drambo-pità’e añ’ila atiñana’ i toem-
pijebañañey, vaho hafitsen-drambo-pità’e im-pito aolo’ i toem-pijebañañey i lioy.
15 Ho lentae’e amy zao i osen-engan-kakeo ho a ondatioy vaho hendese’e mb’am-po
i lamba fañefetsey ao ty lio’e, le hambañe amy nanoa’e amy liom-baniaiy ty hanoa’e
amy lioy: hafitse’e amy kapekey naho aolo’ i kapekey, 16 le hañefetse i toe-miavakey
re ty amo haleora’ o ana’Israeleoo, naho ty amo fiolàñe nampanan-tahiñe iareo iabio;
zay ka ty hanoe’e amy kibohom-pamantañañe mitoboke añivo’ ty haleora’ iareoy.
17 Ko apoke te ho ama’ ondaty ty an-kibohom-pamantañañe ao ie mimoak’ ao
hañefetse amy toe-miavakey ampara’ te miavotse, ie fa nañefetse ty vata’e naho
i anjomba’ey vaho i valobohò’ Israele iabiy.
18 Hiavotse mb’amy kitreliy añatrefa’ Iehovà mb’eo re hañefetse aze, naho
hangalak’ ami’ ty lio’ i baniay naho ami’ty lio’ i osey, vaho hatente’e amo tsifa
miariari’ i kitreliio. 19 Le hamitseza’e lio im-pito an-drambo-pità’e, hañaliova’e
hiavake ami’ty haleora’ o ana’ Israeleo.
20 Ie heneke ty fañefera’e i toe-miavakey naho i kibohom-pamantañañey naho
i kitreliy, le hampiatrefe’e i ose veloñey. 21 Hasampe’ i Aharone an-doha’ i ose’
veloñey ty fità’e roe le hiantofa’e ama’e ze hene hìla’ o ana’ Israeleo, naho o fiodiañe
nampanan-kakeo iareo iabio le hapo’e an-doha’ i osey, vaho hampanesefeñe mb’am-
patrambey añe, am-pità’ t’indaty nihentseñeñe. 22 Fonga ho vavè’ i osey am-bata’e
mb’ am-bangìñe añe o hakeo’ iareoo; le hampidada’e an-dratraratra añe i osey.
23 Ie añe, le hizilik’ an-kibohom-pamantañañe ao t’i Aharone hañafake o siki-leny
nisaroña’e amy fiziliha’e amy toe-miavakeiio vaho hapo’e ao; 24 le hanasa sandriñe
an-drano amy toe-miavakey re, le hañombe saroñe ila’e naho hiavotse vaho hañenga
i soroñe ho am-bata’ey naho i soroñe ho a ondatioy hañefera’e ty vata’e naho
ondatio, 25 hengae’e an-katoeñe amy kitreliy ty safo’ i engan-kakeoy.
26 Le ho sasà’ i nanese i ose mb’amy Azazeley o saro’eo vaho hiandro an-drano,
heneke zay le himoak’ an-tobe ao. 27 Ho jinieñe alafe’ i tobey i banian-engan-kakeoy
naho i osen-engan-kakeoy; i nañandesan-dio hañeferañe i toe-miavakey rey, le fonga
horoañe ty holi’iareo, ty nofo’iareo vaho ty tai’ iareo. 28 Ho sasà’ i mpañoro’ irezaiy
o siki’eo, naho hampandroa’e an-drano i sandri’ey; zay re vaho hizilik’ an-tobe ao.
29 Hambena’ areo ho fañè nainai’e zao: ami’ty volam-paha fito*, ami’ty andro faha
folo’ i volañey, le hilie-batañe nahareo tsy hitoloñe aman-dra inoñ’inoñe, ke t’ie
samak’ an-tane, he t’ie renetane mimoneñe ama’ areo ao. 30 Fañeferañe anahareo
i andro zay, fañaliovañe; soa t’ie halio añatrefa’ Iehovà amo fonga hakeo’ areoo.
31 Ho Sabatam-pitofàñe do’e ho anahareo izay, hiliera’ areo vatañe; ie fañè nainai’e
tsy modo.
32 I mpisoroñe norizañe naho natokañe hitoloñe ho mpisoroñe handimbe an-
drae’ey ty hanao i fañeferañey, ie hañombe o saroñe lenio, o saro-miavakeo, 33 naho
hañefetse i toe-miavakey, naho hañefetse i kibohom-pamantañañey naho i kitreliy,
eka naho o mpisoroñeo naho ondaty amy valobohòkey iabio. 34 Ho fañè nainai’e tsy
modo ho anahareo izay, hañeferañe o ana’ Israeleo amo tahi’ iareo iabio boa-taoñe.
Le nanoe’ i Mosè i nandilia’ Iehovày

* **16:29** Volam-paha fito: Saramañitse

# 17

*Ty Fandentañe Hare*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 2 Saontsio amy Aharone naho amo ana'eo
naho amo ana' Israele iabio ty hoe: Hoe ty nandilia' IEHOVÀ: 3 Ze ondaty boak' añ'
anjomba' Israele mandenta añombe ndra vik' añondry ndra ose an-tobe ao, he te
lentae'e alafe' i tobey ey, 4 naho tsy nendese'e an-dalan-kibohom-pamantañañe eo
hañeng'aze am' IEHOVÀ, aolo' i kivoho' IEHOVÀy le hanan-tahin-dio indaty nampiori-
dioy vaho haitoañe am'ondati'eo, 5 soa te hasese' o ana' Israeleo o soroñe ho
nisoroña' iareo an-diolioo, mb'am' IEHOVÀ an-dalan-kibohom-pamantañañe mb'eo,
mb' amy mpisoroñey, hisoroñe irezay ho engam-pañanintsiñe am' IEHOVÀ. 6 Le
hafitse' i mpisoroñey amy kitreli' IEHOVÀ an-dalan-kibohom-pamantañañey i lioy,
vaho hengae'e an-katoeñe i safo'ey ho hàñim-pañanintsiñe am' IEHOVÀ. 7 Tsy
hañenga soroñe amo kokolampao ka iereo, o nanoa' iereo hakarapiloañeo. Ho fañè
nainai'e am' iareo amo hene tariratse mifandimbeo. 8 Tovoño ty hoe am' iereo:
Ze ondaty, ke boak' añ'anjomba' Israele ao, he renetane mimoneñe ama' areo ao,
misoroñe ndra mañenga, 9 naho tsy endese'e mb'an-dalan-kibohom-pamantañañe
mb'eo, hañenga aze am' IEHOVÀ le ho sasàñe am'ondatio indatiy.

*Faly ty Mikama Lio*

10 Le ze ondaty, ke boak' añ' anjomba' Israele ao he hirik' amo renetane mañialo
am'iareoo, ty mikama lioñ-inoñ' inoñe, le hiatreatre am' indaty mikama lioy ty
laharako vaho haitoako am'ondati'eo. 11 Toe lio ty havelo' o nofotseo; ie ty natoroko
anahareo amy kitreliy ho fañeferañe ty fiai' areo; toe lio ro mañefetse ho an-
kaveloñe. 12 Zay ty talim-panoako amo ana' Israeleo ty hoe: Leo ondaty raik' ama'
areo tsy hikama lio, vaho tsy hikama lio ka ze renetane mañialo ama' areo ao.

13 Aa ndra iaia t'indaty amo ana' Israeleo, ke amo renetane mimoneñe ama'eo ze
mitsindroke naho mitsepake biby ndra voroñe azo kamaeñe, le tsy mete tsy hampi-
orihe'e ty lio'e vaho lembefañe amo debokeo, 14 fa ie ty fiai' ze kila nofotse, naho raik'
amy havelo'ey ty lio'e; zay ty nitaroñeko amo ana' Israeleo ty hoe: Tsy ho kamaeñe
ty lio' ze atao nofotse, fa ty lio ro fiai' ze hene nofotse, fonga haitoañe ze mikama
aze.
15 Le ze ondaty mikama ty mate boboke ndra ty nirimitem-biby, ke t'ie foko he
renetane, ho sasà'e ty siki'e naho hiandro an-drano, le tsy halio ampara' te hariva;
zay vaho halio. 16 Fa naho tsy isasà'e ndra tsy manasa sandriñe le ho vavè'e ty tahi'e.

# 18

*Fifandian-Tihy*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 2 Misaontsia amo ana' Israeleo, taroño ty
hoe: Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' areo. 3 Ko anoe' areo o satan-tane Mitsraime
nimoneña' areoo; le tsy hanoe' areo ka o satan-tane Kanàne aneseako anahareoo,
tsy hañaveloa' areo o fañè' iareoo. 4 Hanoe' areo o fepèkoo vaho hambena' areo
o fañèkoo, hañaveloa' areo: Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' areo. 5 Aa le ambeno o
fañèkoo naho o fepèkoo, kanao mahaveloñe ondaty t'ie anoe'e: Zaho IEHOVÀ.

6 Tsy ama' areo ty hitotoke an-dongo'e marine, hañafa-tsaron-kameñarañe: Zaho
IEHOVÀ. 7 Tsy hafaha'o ty heñan-drae'o ndra ty heñan-drene'o. Rene'o re, tsy
haboa'o ty heña'e. 8 Ko aboa'o ty heñam-balin-drae'o, fa heñan-drae'o. 9 Le ty
heñan-drahavave'o, he anak' ampelan-drae'o ke anak' ampelan-drene'o, he t'ie
terak' añ' anjomba ke te terak' amontoñe, tsy haboa'o ty heña'e. 10 Ty heñan'
anak' ampelan' anadahi'o ke anak' ampelan' anak' ampela'o, le tsy haboa'o amy
te heña'o ty a' iareo. 11 Ty heñan' anak' ampelam-balin-drae'o, i nasaman-drae'oy,

tsy haboa’o fa rahavave’o. 12 Tsy haboa’o ty heñan-drahavaven-drae’o, amy t’ie
longon-drae’o. 13 Tsy haboa’o ty heñan-drahavaven-drene’o, amy te longon-drene’o.
14 Tsy haboa’o ty heñan-drahalahin-drae’o. Ko vonje’o i vali’ey, fa rahavaven-drae’o.
15 Tsy haboa’o ty heñam-binanto’o, fa valin’ana-dahi’o; tsy haboa’o ty heña’e. 16 Tsy
haboa’o ty heñam-balin-drahalahi’o, fa heñan-drahalahi’o. 17 Tsy songa haboa’o ty
fimeñaran-drakemba naho ty anak’ ampela’e, tsy ho rambese’o ty anak’ ampelan’
anadahi’e ndra ty anak’ ampelan’ anak’ ampela’e hañafahañe ty heña’e; longo’o
iereo, hativàñe zay. 18 Tsy halae’o ka ty ampela hampirafese’o aman-drahavave’e,
haboa’o ty heña’e naho mbe veloñe i rahavave’ey. 19 Tsy hiharinea’o ka ty ampela
hañafaha’o ty heña’e amy faleoram-piambola’ey; 20 vaho tsy rantove’o ty vali’ ondaty,
hanivà’o vatañe.

21 Ko mañenga ho soroheñe amy Moleka o tarira’oo, hanivà’o ty tahinan’
Añahare’o: Zaho Iehovà.

22 Tsy hiolotse ami’ty lahilahy rehe, manahake te aman’ ampela. Tiva zay. 23 Tsy
hisahe biby rehe hanivà’o vatañe. Le tsy hijohañe añatrefa’ ty biby ty ampela hisahe
ama’e; fa ota-faly.

24 Ko maniva-vatañe an-dra’ inoñ’ inoñe amy rezay, fa ie ty nahativa o hene foko
roàheko aolo’ areoo. 25 Zay ty nahaveta i taney; aa le nametsahako fandilovañe, vaho
naboloa’ i taney o mpimoneñe ama’eo. 26 Inahareo arè, tambozoro o fañèkoo naho
o fepèkoo, ko manao i hativàñe rezay, ndra t’ie foko ndra renetane mañialo ama’
areo ao, 27 (amy te ni-fanoe’ ondati’ i taneio, o taolo’ areoo, i hativàñe rezay: vaho
nihaveta i taney) 28 tsy mone haboloa’ i taney ka nahareo naho itivà’ areo, manahake
ty nampiboloaña’e i foko limbeze’ areoy? 29 Aa ndra ia’ ia manao ndra inoñ’ inoñe
amy raha tiva rezay, le haitoañe am’ondati’eo indaty manao zay. 30 Aa le ambeno
o fañèkoo, tsy mone hanoe’ areo o sata’ tiva nanoeñe aolo’ areoo, tsy hanivà’ areo
vatañe; Zaho Iehovà Andrianañahare’ areo.

# 19

*Fiavahañe Fòmba naho Fombà*

1 Hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè: 2 Misaontsia amy valobohòn’ ana’ Israeley, le
ano ty hoe: Miavaha, amy te masin-dRaho, Iehovà Andrianañahare’ areo.

3 Songa miasia rene naho rae, naho ambeno o Sabotsekoo: Zaho Iehovà
Andrianañahare’ areo.

4 Ko mitolike mb’amo samposampon-drahao ndra mampitranake saren-drahare;
Zaho Iehovà Andrianañahare’ areo.

5 Ie mañenga soron-kanintsiñe am’ Iehovà, le engao an-tsata no’e. 6 Ho kamaeñe
amy andro añenga’ areo azey naho an-doak’andro’e le ho forototoeñe an’ afo ze
sisa’e te herone. 7 Ho tiva re te kamaeñe amy andro fahateloy; tsy ho no’e. 8 Songa
hivave i tahi’ey ze mikama ama’e, amy te nitivàe’e ty raha miava’ Iehovà, vaho
haitoañe am’ ondati’eo indatiy.

9 Ie manatake ty havokaran-tane’ areo, tsy ho tatahe’o ty añ’ olon-tete’o, tsy
hatonto’o ze nipopok’ amo tinata’oo. 10 Tsy ho rofota’o ze sisan-tondam-balòbo’o;
ndra timponeñe o voan-tanem-bahe’o nipopokeo, fa hado’o ho a o rarakeo naho o
renetaneo: Zaho Iehovà Andrianañahare’ areo.

11 Ko mikametse nahareo, ndra mikatramo, ndra mifandañitse. 12 Ko manao
fanta vìlañe ami’ty añarako, hanivà’o ty tahinan’ Añahare’o. Zaho Iehovà. 13 Ko
katramoe’o ondatio; ndra mikizo ama’e; le ko tana’o an-kiboho’o ao ampara’ te
maraiñe ty tambem-pièke.

14 Ko manimbo ty moañe ndra mampipoke fitsikapiañe aolo’ ty fey. Mañeveña
aman’ Añahare’o: Zaho Iehovà.

15 Ko manao zaka vilañe; tsy honjone’o ty lahara’ ty rarake, vaho tsy hiasia’o ty
fanalolahy, fa an-kavantañañe ty hizaka’o ondatio.
16 Ko mangarèdake mb’eo mb’eo am’ ondati’oo; le ko mijohanjohañe marine’ ty
lio’ ondatio, Zaho IEHOVÀ.
17 Ko malain-dongo an-tro’o ao. Toe hendaha’o an-kahiti’e ondatio, tsy hivavea’o
hakeo. 18 Ko mamale-fate, le ko mitan-kabò amo ana-dongo’oo; fe kokò ondatio
manahake ty vata’o; Zaho IEHOVÀ 19 Oriho’ areo o fañèkoo. Ko ampisahè’o an-
karazan-kare ila’e ty hare’ area. Ko mitongy doria roe karaza’e an-tete’o ao; vaho ko
misikin-tsaroñe tinenoñe am-pole roe.
20 Ze mañarapilo ami’ty ampela, ie ondevo nifofoe’ t’ indaty, fa tsy nijebañene naho
tsy nihahañe. Hanoeñe balie, fe tsy havetrake iereo amy t’ie tsy nidada. 21 Hasese’
indatiy mb’am’ IEHOVÀ ty engan-dila’e mb’ an-dalan-kibohom-pamantañañe mb’eo;
añondrilahy ty ho engan-dilatse. 22 Hañefetse aze amy añondrilahin-engan-dilatsey
añatrefa’ IEHOVÀ i mpisoroñey ty amy tahiñe nanoe’ey, vaho hapoke i hakeo
nanoe’ey.
23 Ie mimoak’ amy taney nahareo vaho fa nambole hatae maro karaza’e ho haneñe,
le ho savare’ areo o hataeo. Ho falie’ areo telo taoñe, tsy ho kamaeñe. 24 Ie amy
taom-paha-efatsey le hiavake iaby o voa’eo, handrengeañe IEHOVÀ. 25 Amy taom-
paha-lime’ey ty hikama’ areo o voa’eo, hiregoregoa’ ty havokara’e: Zaho IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo.
26 Tsy ho kamae’ areo ze aman-dio’e; le tsy hanikily nahareo ndra hamoreke. 27 Tsy
haratañe ty maròy miroroñe am-panda, vaho ko kovoheñe ty morare’ areo. 28 Ko lilie’
areo ty holi’ areo ty amo vilasio vaho ko anokirañe o sandri’ areoo; Zaho IEHOVÀ.
29 Ko maniva ty anak’ampela’o an-katsimirirañe, tsy mone hikapotrake an-
karapiloañe ty tane, vaho ho tsitsike halò-tsereke i taney. 30 Hambena’ areo o
SABATAkoo vaho hiasia’ areo i toeko miavakey: Zaho IEHOVÀ.
31 Ko mitolik’ amo mpamorekeo ndra mitsoeke jiny hanivàñ’ azo; Zaho IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo.
32 Miongaha añatrefa’ ty a-maròy foty, le iasio ty laharan’ androanavy, vaho
mañeveña aman’ Añahare’ areo; Zaho IEHOVÀ.
33 Aa naho mitrao-pimoneñe ama’ areo an-tane’ areo ao ty renetane le ko
foreforèñe. 34 Hatao’ areo hambañe amy te nisamak’ ama’ areo ao o renetaneo,
le ikoko manahake ty vata’o, fa niambahiny an-tane Mitsraime añe nahareo; Zaho
IEHOVÀ Andrianañahare’ areo.
35 Tsy hanao zaka-vilañe nahareo, ke ami’ty zehe, ke ami’ty lanja, he ami’ ty
kapoake. 36 Manaña balàntsy to naho vato’e to naho *kapoake to naho litatse to;
Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’ areo nañavotse anahareo an-tane Mitsraime. 37 Aa le
ambeno iaby o fañèkoo naho ze hene fepèko vaho oriho; Zaho IEHOVÀ.

# 20

*Lilo te Lilareñe ty Miavake*

1 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 2 Saontsio ty hoe ka o ana’ Israeleo: Ndra
iaia amo ana’ Israeleo ke amo renetane mimoneñe e Israeleo ze manolotse ty raik’
amo tarira’eo amy Moleka ro havetrake; le ondati’ i taneio ro handretsa-bato ama’e.
3 Hatreatrèn-tareheko indatiy le haitoako am’ ondati’eo, amy nanolora’e anake amy
Molekay, hanivà’e i toeko miavakey vaho hanimbo ty añarako miavake. 4 Aa naho
akipe’ ondati’ i taneio am’ indatiy ty fihaino’ iareo ie manolo-tiry amy Moleka, vaho
tsy navetrake, 5 le hatreatrén-tareheko indatiy naho i hasavereña’ey, le haitoako am’
ondati’eo rekets’ o nindre nañarapilo ama’e vaho nitsinginiotse amy Molekao.

* **19:36** Efà : fañaranan-draha maike

6 Le hatreatrèn-tareheko ty mpitolik’ amo mpamorekeo naho amo jinio hañarapilo
vatañe, hatreatrén-tareheko indatiy, vaho haitoako am’ondati’eo. 7 Miefera arè,
naho miavaha, fa Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’ areo. 8 Mifahara amo fañèkoo vaho
oriho: amy te Zaho i IEHOVÀ mampiambak’ anahareo.
9 Tsy mahay tsy havetrake ze mamàtse rae ndra rene; ie nañozon-drae ndra rene,
le ho ama’e ty lio’e.
10 T’indaty miharo sarimbo ami’ty vali’ ondaty, ie miolotse amy tañanjomban-
drañe’ey, le sindre havetrake i namonjey naho i vinonjey.
11 Ze lahilahy mifandia-tihy ami’ty tañanjomban-drae’e le fa nañàlo ty heñan-
drae’e; songa havetrake iereon-droroe; am’ iereo ty lio’ iareo.
12 Naho miharo sarimbo ami’ty vinanto’e ampela t’indaty le havetrake ie roe.
Nanao hativàñe* le am’ iereo ty lio’ iareo.
13 Naho iharoa’ ty lahilahy ty lahilahy manahake ty fioloràñe ami’ty ampela, songa
nanao hativàñe. Sindre havetrake, songa ama’e ty lio’e.
14 Naho valie’ ondaty ty ampela naho ty rene’ i ampelay, halolоañe izay, songa ho
forototoeñ-añ’afo, ie naho iereo, tsy mone hanjilihan-katserehañe ama’ areo.
15 Naho misahe hare t’indaty le toe hañohofan-doza, le ho lentañe i bibiy. 16 Naho
miharine ami’ty hare ty ampela hisahe le ho vonoe’o i ampelay naho i bibiy. Tsy
mete tsy havetrake; songa ho ama’e ty lio’e.
17 Naho rambese’ondaty ty rahavave’e ke ty anak’ ampelan-drae’e he ty anan-
drene’e vaho isa’e ty heña’e le mahaisake i heña’ey ka i ampelay, le halolоañe zay.
Vonoeñe añatrefa’ o ana’ ondati’eo ie roe, amy te hinalo’e ty heñan-drahavave’e.
Ho vavè’e i hakeo’ey.
18 Ie miharo sarimbo ami’ty ampela miambolañe t’indaty naho mampiboake ty
heña’e—ie nampiboake i fioriha’ey, vaho niborahe’ i ampelay ty fiorihan-dio’e, le
haitoañe am’ondati’eo i roroey.
19 Tsy haboa’o ty heñan-drahavaven-drene’o, ndra ty rahavaven-drae’o; ie mañalo
longo marine. Songa hivave ty tahi’e. 20 Naho mifandia-tihy ami’ty valin-drahalahin-
drae’e t’indaty, le fa nafaha’e ty heñan-drahalahin-drae’e; sindre hivave ty hakeo’e,
songa hikoromake betsiterake. 21 Naho tsindrohe’ ondaty ty valin-drahalahi’e,
hativàñe zay. Fa nampikorendahe’e ty heñan-drahalahi’e; ho betsiterake iereo.
22 Aa le hene ambeno o fañèkoo, naho o fepèko iabio, vaho anò, tsy mone haboloa’
i tane aneseako anahareo himoneñañey. 23 Le tsy hañaveloa’ areo o sata’ i foko
soiheko aolo’ areoio; amy te lili’ iareo irezay vaho mampangorìñ’ ahy. 24 Toe
nitaroñeko ama’ areo te ho lovae’ areo ty tane’ iareo, le hatoloko ho tavane’ areo
i tane orikorihen-dronono naho tanteley. Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’ areo ty
nañavak’ anahareo amo kilakila ondatio.
25 Aa le ampiavaho ami’ty biby faly ty malio naho ty vorom-paly ami’ty malio,
vaho ko maniva vatañe amo bibio ke amo voroñeo he amy ze karazan-draha veloñe
misitsitse an-tane atoy, ie nambahako ama’ areo hambena’ areo ho faly. 26 Aa le
hiavake ho ahy nahareo, amy te masiñe Raho IEHOVÀ vaho navaheko amo kilakila
ondatio ho ahiko.
27 Tsy mete tsy havetrake ty jiny naho ty doany, ke t’ie lahilahy he rakemba, ho
retsahem-bato, sindre ho ama’e ty lio’e.

# 21

*Ty Fiavaha’ o Mpisoroñeo*
*Ezek 44.15-31*

* **20:12** Heb: mampitrao-tiry

1 Hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè: Misaontsia amo mpisoroñeo, o ana’ i Aharoneo,
le itaroño ty hoe: Asoao tsy ho am’iereo ty haniva vatañe ami’ty lolo am’ondati’eo,
2 naho tsy t’ie longo marine: ty rene’e ndra i rae’e, ty anadahi’e ndra ty anak’
ampela’e ndra ty rahalahi’e 3 ndra ty rahavave’e somondrara marine aze tsy amam-
baly; ie ro azo anivam-batañe. 4 Tsy handeo-batañe re, ie talè añivo’ ondati’eo,
haniva’e vatañe. 5 Tsy hanoe’ iareo peake ty añambone’ iareo le tsy ho harateñe ty
indran-tanteahe’ iareo ndra hanoritory sandriñe. 6 Ie hiavake ho aman’ Añahare’e,
naho tsy hiteratera ty tahinan’ Añahare’ iareo; f’ie ro mpañenga an’ afo am’ Iehovà
ty mahakaman’ Añahare’ iareo, toe miavake iereo.
7 Tsy hangala-baly ami’ty kàrapilo ndra ami’ty maleotse iereo, le tsy hañenga
rakemba narian-dahy; amy t’ie miavake aman’Añahare’e. 8 Aa le atokano, fa ie ty
mpanjotso mahakama aman’ Añahare’o. Hiavake ama’o re, amy te masin-dRaho
Iehovà, mpampiavake anahareo. 9 Ie manao hatsimirirañe ty anak’ ampelam-
pisoroñe ro maniva an-drae’e, ho forototoeñe añ’afo.
10 I mpisoroñe zoke’ o rahalahi’eoy, i nañiliñañe mena-pañorizañe añambone’e eo
naho naambake hisikiñe o saroñeoy ro tsy handoly sabaka vaho tsy handriatse ty
saro’e. 11 Tsy hiziliha’e ty aman-dolo, tsy hanivà’e sandriñe ndra t’ie rae’e ndra te
rene’e; 12 vaho tsy hienga i miavakey ndra haniva i toe-miava’ Nañahare’ey; fa ama’e
i mena-pañorizañe nañavahañe aze aman’ Añahare’ey: Zaho Iehovà. 13 Somondrara
ty hengae’e ho vali’e, 14 tsy hengae’e ty vantotse ndra ty nitseizeñe ndra ty ampela
nileoreñe, ndra ty tsimirirañe; fa ty ampela tsy nahavanilahy boak’ amo longo’eo
ty hengae’e 15 tsy mone haniva o tarira’eo amo longo’eo; Zaho Iehovà Mpampiavak’
aze.
16 Le hoe ty nitsarae’ Iehovà amy Mosè: 17 Saontsio amy Aharone ty hoe: Tsy
mahazo miharine hañenga ty mahakaman’ Añahare’e ty tiri’o aman-kandra amo
tarira’o mifandimbeo. 18 Le tsy mahazo mitotoke mb’eo t’indaty aman-kandra: ke
te fey, he te kepeke, he aman-kandran-tarehe, ke kombimba, 19 ke te ondaty fola-
pandia, he fola-pitàñe, 20 ke langa, he kana, ke aman-kandram-pihaino, he aman-
kàteñe, ke hezam-bae, hera aman-tabiry dinemoke. 21 Aa le tsy hiharivo hañenga
soroñe am’ Iehovà ze ondaty aman-kandra amo tarira’ i Aharone mpisoroñeo. Ie
aman-kandra, ro tsy hañarine hañenga o mahakaman’ Añahare’eo. 22 Mete ikama’e
ty mahakaman’ Añahare’e: o miava-do’eo naho o miavakeo. 23 F’ie tsy hizilik’ amy
lamba fañefetsey ndra hiharine i kitreliy, ty amy hàndra’ey; tsy mone ho tivae’e i
toeko miavakey; amy te Zaho Iehovà Mpampiavak’ iareo. 24 Aa le nitaroñe’ i Mosè
amy Aharone naho amo ana’eo vaho amo hene ana’ Israeleo zay.

# 22

*Ty Sata’ o Enga Miavakeo*

1 Hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè: 2 Saontsio amy Aharone naho amo ana’eo ty
hidare soa o enga avì’ o ana’ Israeleo tsy mone ho tivae’ iereo ty añarako masiñe amo
raha avì’ iareo ho amakoo; Zaho Iehovà. 3 Ano ty hoe am’ iereo: Naho amy ze hene
tarira’areo mifandimbe ty mitotok’ ami’ty enga miavake navì’ o ana’ Israeleo am’
Iehovà ie mbe aman-kaleorañe, le haitoañe tsy hiatrek’ ahiko indatiy: Zaho Iehovà.
4 Tsy hikama amo enga miavakeo ze tarira’ i Aharone voa’ ty angamae ndra miori-
tsiranoke ampara’ t’ie malio. Ze mitsapa ndra iaia nileore’ ty lolo, ndra t’indaty
iakaran-drom-pilahia, 5 ndra ze ‘ndaty mitsapa raha mifamorohotse mete handeotse
aze ndra ze ondaty mete handeotse aze, ty amy ze haleorañe ama’e, 6 le haleotse
ampara’ te hariva indaty nitsapa zaiy le tsy ho kamae’e o raha miavakeo naho
tsy miandro aman-drano hey. 7 Ie tsofots’ àndro le halio re vaho azo’e kamaeñe
o enga miavakeo, fa toe mahakama’e. 8 Tsy ho kamae’e ty raha mate a montoñe

añe ndra ty nirimitem-biby amy te maleotse: Zaho IEHOVÀ. 9 Aa le hambena’ iareo o
nafantokoo tsy mone hivave hakeo vaho hikoromake kanao nitivañe: Zaho i IEHOVÀ
mpampiavak’ iareo.
10 Tsy hikama amo miavakeo o borizàñeo; le sambe tsy hikama amo miavakeo ty
mpifondro amy mpisoroñey, naho ty mpitoroñe tambezañe. 11 Fe mete mikama ao
t’indaty vinili’ i mpisoroñey an-drala, vaho mahazo mikama amy mahakama’ey o
nasamak’ añ’anjomba’eo. 12 Naho tañanjomba’ t’indaty tsotra ty anak’ ampelam-
pisoroñe le tsy hikama’e o navik’ amo raha miavakeoo. 13 Fe naho ramavoiñe ndra
narian-dahy i anak’ ampelam-pisoroñey naho tsy manañ’ anake vaho mimpoly añ’
anjomban-drae’e ao manahake t’ie nitora’e, le hikama amy mahakaman-drae’ey. Fe
tsy ho kamae’ ty tsotra. 14 Aa naho ikama’ t’indaty tsy satrie’e o enga miavakeo, le
hitovoña’e ty ampaha-lime’e vaho hatolo’e amy mpisoroñey rekets’ i raha miavakey.
15 Asoao tsy ho tivà’ iareo ze enga’ miava’ o ana’ Israeleo engae’ iareo am’ IEHOVÀ
16 tsy mone hivave hakeo hampañengañe engan-dilatse amy fikama’ iareo o raha
miava’ iareoo: amy te Zaho IEHOVÀ Mpampiavak’ iareo.

*Enga Mete*

17 Le hoe ty nitsarae’IEHOVÀ amy Mosè, 18 Saontsio amy Aharone naho amo ana’eo
naho amy ze hene ana’ Israele ty hoe: Ze ondaty amy anjomba’ Israeley ndra amo
renetane mpimoneñe e Israeleo minday ty hengae’e, ke amo nifantà’eo, he amo
engan-tsatrin’ trokeo ty ho banabanae’ iereo am’ IEHOVÀ hisoroñañe, 19 soa t’ie ho
no’e, le lahi’e tsy aman-kandra, ke amo añombeo ke amo añondrio he amo oseo.
20 Le tsy hengae’ areo ndra inoñ’ inoñe aman-kandra; fa tsy ho no’e ho anahareo.
21 Aa naho mañenga engam-pañanintsiñe am’IEHOVÀ t’indaty, ke hibanabana ava-
panta ke engan-tsatrie’e, he boak’ amo mpirai-trokeo ke amo mpirai-liao, le tsy ho
aman-kandra t’ie ho no’e, vaho tsy ho aman-kila. 22 Aa ke te goa, he folake, ke
mikotraitse, he ampàre, ke mandramboñe, hera aman-kezam-bae—le tsy hengaeñe
am’ IEHOVÀ vaho tsy ho soroñañe am’ IEHOVÀ amy kitreliy. 23 Ke aman-kamba, he
aman-tsihotse ty añombe ndra ty añondry le mete engaeñe ho engan-tsatrin’ arofo,
fe tsy ho no’e t’ie am-panta. 24 Tsy hengaeñe am’ IEHOVÀ ka ze vondròkoke ndra
demoke ndra riatse ndra linily; tsy hanoe’ areo an-tane’ areo ka zay. 25 Le ko apo’
areo t’ie ho banabanaem-pità’ o anan-drenetaneo ho mahakaman’ Añahare’ areo,
kanao ama’e ty hìla’e, ndra ama’e ty handra’e, fa tsy ho no’e ho anahareo.
26 Le hoe ty nitsarae’ IEHOVÀ amy Mosè: 27 Ie terake ty añombe ndra añondry
ndra ose le ho fito andro amy rene’ey hey, ie mifototse amy andro fahavaloy ro mete
engaeñe hisoroñañe am’ IEHOVÀ. 28 Aa naho añombe vave ndra añondry vave, le ko
songa lentaeñe ami’ty andro raike, ie naho ty ana’e.
29 Ie misoroñe engam-pañandriañañe am’ IEHOVÀ, mañengà ty ho no’e, 30 le ikamao
amy àndro zay, vaho tsy anisañe ho ami’ty maraiñe: Zaho IEHOVÀ.
31 Asoao hambena’ areo o lilikoo, vaho anoeñe; Zaho IEHOVÀ. 32 Tsy ho tivae’ areo
i añarako masiñey, fa havahe’ o ana’ Israeleo: Zaho IEHOVÀ Mpampiavak’ anahareo,
33 nañakatse anahareo an-tane Mitsraimey, ho Andrianañahare’ areo: Zaho IEHOVÀ.

# 23

*Sabadidake Natolotse*

1 Hoe ty nitsara’IEHOVÀ amy Mosè, 2 misaontsia amo ana’ Israeleo naho itaroño ty
hoe: Ho koihe’ areo o fañoharañe miava’ IEHOVÀo, famantañañe miavake, Inao o
andro namotoañakoo.

*Ty SABATA*

3 Eneñ’ andro ty fitoloñan-draha; le Sabotse fitofàñe ty andro fahafito, fitontoñañe
miavake. Tsy hitoloña’ areo, fa Sabata am’ IEHOVÀ amo fitobea’ areo iabio. 4 Inao o
famantàña’ IEHOVÀo, fañoharañe miavake ho koihe’ areo an-tsa’e tinendre.

### *ty Pèsake naho ty Mofo tsy Po-dalivae*
*Vol 28.16-25*

5 Ami’ty andro faha folo-efats’ ambi’ i volam-baloha’ey, ie miroñe ty andro le
engam-pihelañ’ ambone’ IEHOVÀ. 6 Amy andro faha folo-lime-ambi’ i volañeiy ty
sabadidak’ i mofo tsi-aman-dalivay am’ IEHOVÀy; fito andro ty hikama’ areo mofo
po-dalivay. 7 Hanoe’ areo fañoharañe miavake amy andro valoha’ey; le tsy hitolon-
draha. 8 Fito andro ty hañenga’ areo soroñe am’ IEHOVÀ. Le Fañòharañe Miavake ty
andro faha-fito, tsy itoloñan-draha.

### *Ty Engan-Dengom-Boa*

9 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 10 Saontsio amo ana’ Israeleo ty hoe: Ie mizilik’
an-tane hitolorako, vaho manonton-tsabo, le hindesa’ areo mb’ amy mpisoroñey
mb’eo ty *lengom-bora’ i fanataha’ areoy. 11 Le hahelahela’e añatrefa’ IEHOVÀ i
lohavoay soa te ho no’e; amy loak’ andro’ i Sabataiy ty añelahelà’ i mpisoroñey
aze. 12 Le hengae’o amy andro añelahelà’o i bora’eiy ty vik’ añondrilahy tsy aman-
kandra, ho soroñañe am’ IEHOVÀ. 13 Zao ty ho enga-mahakama’e: ty mona fahafolo’
ty efà roe linaro menake, ho soroñañe am’ IEHOVÀ ho hàñim-pañanintsiñe; divay ty
ho enga-rano mpindre ama’e, fahèfa’ ty hine. 14 Tsy hikama mofo ndra tsako natono
ndra tsako-le nahareo ampara’ i andro zay, ampara’ ty añenga’ areo aman’ Añahare’
areo i engay; ho fañè nainai’e amo tarira’ areoo amo hene fitobea’ areoo.

### *Ty Takatakan-Kereñandro*
*Avo 34.22; Sor. 28.26-31; Fts 16.9-10*

15 Mifototse amy loak’andro’ i SABOTSEy, i andro nindesa’ areo i loha-voan’ engan-
kelahelaiy ty hañiaha’ areo SABOTSE fonitse fito. 16 Añiaho andro limampolo pak’amy
loak’andro’ i SABATA fahafitoy; le añengao †lengom-boa am’ IEHOVÀ. 17 Hendeseñe
boak’ añ’ akiba’ areo ao ty mofon-kelahela roe songa nanoeñe ami’ty mona fahafolo’
ty efà roe; natoñak’ an-dalivay ho engam-boa am’ IEHOVÀ. 18 Le tovo’ i mofoy añengao
vik’ añondry fito tsy aman-kandra, ty bania, naho ty añondrilahy roe, ho enga
soroñeñe am’ IEHOVÀ rekets’ o enga-mahakama’ iareoo naho o enga rano’ iareoo,
hisoroñañe ho hàñim-pañanintsiñe am’ IEHOVÀ. 19 Le hengae’ areo ty vik’ oselahy
ho engan-kakeo naho ty vik’ añondry roe hisoroñañe ho engam-pañanintsiñe.
20 Hahelahela’ i mpisoroñey, ie naho i mofo lengom-boay ho engan-kelahela añatrefa’
IEHOVÀ, vaho i vik’ añondry roe rey; hene avahe’ IEHOVÀ ho a i mpisoroñey. 21 Le
ho koihe’areo amy andro zay ty fifanontoñañe miavake, tsy itoloñan-draha. Ho fañè
nainai’e amo fitobea’ areo iabio zay amo hene tarira’ areoo.
22 Aa ie manonton-tsabo an-tane’ areo ao, ko mitatake pak’ añ’ olo-teteke ey, le ko
manontoñe ze nipopok’ amy fitatahañey; apoho ho a o rarakeo naho o ambahinio;
Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’ areo.

### *Ty Sabadik’ antsiva*

23 Le hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 24 Saontsio ty hoe amo ana’Israeleo:
I volam-pahafitoy, i androm-baloha’ i volañeiy, le ho Fitofàm-bey ho anahareo,
fampitiahiañe am-pitiofan-kankàñe naho fifanontoñañe miavake. 25 Tsy hitolon-
draha ama’e nahareo; fe hañenga soroñe am’ IEHOVÀ.

### *Ty Andro Fañeferañe*

* **23:10** lengom-bora: vare hordea valoham-boa † **23:16** lengom-boa faharoe: vare bilè

26 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 27 Ho tondrok' amy andro fahafolo' i volam-
paha-fitoy ty androm-pijebañañe, fifanontoñañe miavake ho anahareo: miliera
vatañe vaho mañengà soroñe am' IEHOVÀ. 28 Ko mitoloñe amy andro zay, amy te
androm-pijebañañe, hijebañañe anahareo añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare' areo.
29 Haitoañe am'ondati'eo ze tsy milie-batañe amy andro zay. 30 Aa ndra iaia t'indaty
mitoloñe ndra inoñ'ino amy andro zay le Zaho ty handrotsake indatiy am' ondati'eo.
31 Toe tsy hanao ndra inoñe atao fitoloñañe amy andro zay nahareo, ie fañè tsy ho
modo amo tarira' areoo, amo hene fitobea' areoo. 32 Ho SABATA‡ fitofàñe añoñe ama'
areo zay le hilie-batañe ama'e nahareo—ty hariva' i andro fahasive' i volañeiy; i
harivay pak' ami'ty hariva ty hañambena' areo i Fitofà' areoy.

### *Ty Sabadida-Kibohotse*
*Sor. 29.12-40; Fts 16.13-17*

33 Le hoe ty nitsarae' IEHOVÀ amy Mosè: 34 Saontsio amo ana' Israeleo ty hoe:
Amy andro fahafolo-lime ambi' i volam-pahafitoiy ty sabadida-kibohotse am' IEHOVÀ,
ho fito andro. 35 Fitontoñañe miavake i andro valoha'ey. Tsy hitoloñe ndra inoñ'
inoñe atao asa nahareo. 36 Fito andro t'ie hañenga soroñe am' IEHOVÀ. Amy andro
fahavaloy ty hanoa' areo fitontoñañe miavake vaho hañenga soroñe am' IEHOVÀ.
Sabadidake bey zay le tsy hitoloñ' ama'e nahareo.
37 Famantaña' IEHOVÀ irezay, ikoiha' areo ho fitontoñañe miavake, hañengañe
soroñe am' IEHOVÀ: enga oroañe naho enga mahakama, soroñe naho enga rano,
songa ami'ty andro'e, 38 ho tovo' o SABOTSEO' IEHOVÀO, naho o fañenga' areoo, naho
ze hene enga' areo am-panta naho an-tsatrin' arofo ho banabanae' areo am' IEHOVÀ.
39 Aa ie amy andro fahafolo-lime ambi' i volam-pahafitoy, ie fa natonto' areo ty
voka' i taney, le hambena'areo i sabadidak' IEHOVÀy fito andro; fitofàñe ty andro
valoha'e vaho fitofàñe ty andro faha-valo. 40 Ie amy andro valoha'ey ro hitoha ran-
katae reke-boa'e amo hatae fanjakao naho ran-tsatrañe naho ratse mandrevake naho
ran-tsohihy añ' olon-drano ey; vaho hirebeke añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare' areo
fito andro. 41 Hambena' areo i Sabadidake am' IEHOVÀy fito andro boa-taoñe, ho
fañè nainai'e amo tarira' areoo, hitsinjaha' areo amy volam-pahafitoy. 42 Hitobe
an-kibohotse fito andro nahareo; ze nisamaheñe e Israele ao iaby ty hañialo an-
tsokemitrahañ' ao, 43 hahafohina' o tarira' areoo te nampitobèko an-kibohotse ao o
ana' Israeleo ie nampiavoteko an-tane Mitsraime añe: Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'
areo.
44 Aa le tinaro' i Mosè amo ana' Israeleo o famantaña' IEHOVÀO.

## 24

### *I Jiroy*
*Avo 27.20-21*

1 Hoe ty nitsara'IEHOVÀ amy Mosè: 2 Lilio amo ana' Israeleo ty hindesa'iareo ama'o
ty menake olive ki'e nipineheñe ho amo jiroo hireheta' i jiro rey nainai'e. 3 Hajarie' i
Aharone amy kibohom-pamantañañey alafe' i lamba fañefe' i fañinaiy zay te hariva
ampara' te porea' ty maraindray añatrefa' IEHOVÀ nainai'e; fañè tsy ho modo ama'
areo zay amo hene tarira' areoo.

### *Ty Mofo i Kivohoy*

4 Hampiririte'e amy fitàn-jiro volamena ki'ey boak' andro o jiro añatrefa' IEHOVÀO.
5 Le hangala'o mona hanoñafa'o vonga-mofo folo ro' amby; songa fahafolo' ty efà
roe i mofo rey. 6 Hampifamalahañe'o roe, eneñe naho eneñe ty firirita'e, amy rairay
malio añatrefa' IEHOVÀy. 7 Le hasia'o emboke ki'e o firirita'eo ho tiahy hasolo o

‡ **23:32** Sabata: fitofà amantañañe ami'ty taoñe

mofoo, enga horoañe añ' afo am'IEHOVÀ. 8 Boak'andro Sabotse ro fandaharañe irezay
añatrefa' IEHOVÀ ho fañè nainai'e amo ana'Israeleo. 9 Ho a i Aharone naho o tarira'eo,
ho kamae' iareo an-toetse miavake ao; fa miava-do'e ama'e amo fisoroñañe am'
IEHOVÀo; ie aze am-pañè tsy ho modo.

*Teratera naho ty Vale'e*

10 Ie henane zay niakatse mb'amo ana' Israeleo mb'eo ty lahilahy; ana' Israele
ty rene'e naho nte-Mitsraime ty rae'e, nifandrapak' ami'ty ana' Israele an-tobe ao.
11 Niteratera i Tahinañey ty ana' i rakemba ana' Israeley, naho namàtse, vaho nasese
mb'amy Mosè mb'eo; Selomite, ana' i Dibry, fifokoa' i Dane, ty tahinan-drene'e; 12 aa
le najo am-pandrohizañe ao hey re handrendreha' iareo ty safiri' IEHOVÀ.
13 Le hoe ty nitsarae' IEHOVÀ amy Mosè: 14 Aseseo alafe' i tobey re; le manampe
fitàñe ama'e ze hene nahajanjiñe aze vaho ho retsahe' i valobohòkey vato. 15 Aa
le saontsio ty hoe o ana' Israeleo: Ze miteratera an' Andrianañahare'e ro hivave i
tahi'ey. 16 Toe havetrake ze miteratera ty tahina' IEHOVÀ. Ho retsahe' i valobohòke
iabiy vato i niterateray, ke te renetane he fokontokoñe, ho vonoeñe re kanao
niteratera i tahinañey.
17 Havetrake ka ze mañe-doza ama' ondaty. 18 Hañavake ze mamono hare, fiaiñe
ty hasolo fiaiñe. 19 Ze mampanan-kandra t'indaty le i nanoe'ey ty hanoeñe ama'e;
20 folake ty hasolo folake, fihaino ty fihaino, fihitsike ty fihitsike; hambañe ami'ty
nijoia'e t'indaty ty hijoiañe aze. 21 Hañavake ty mamono hare, fe havetrake ty
mamono ondaty. 22 Raike ty lili' areo: hambañe ty a i renetaney naho ty a i
fokontokoñey, amy te Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' areo.
23 Aa le nisaontsie' i Mosè amo ana' Israeleo, le nasese' iereo alafe' i tobey i
niterateray, vaho rinetsa' iareo vato. Nanoe' o ana' Israeleo i nandilia' IEHOVÀ amy
Mosèy.

## 25

*Ty Taom-Pitofàñe*
*Fts 15.1-11*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè ambohi-Sinay añe: 2 Misaontsia amo ana'
Israeleo, le ano ty hoe: Ie mimoak' an-tane hatoloko anahareo ao le hambena' i
taney ty fitofàñe am' IEHOVÀ. 3 Enen-taoñe ty hitongisa'o ami'ty tete'o, naho enen-
taoñe ty hañetefa'o o valobo'oo vaho ty hanontoña'o ty voka'e, 4 fe ho Sabata àñom-
pitofà' i taney i taom-pahafitoy, Sabata am' IEHOVÀ. Tsy hitongisa'o ty tete'o ndra
hetefa'o o valobo'oo. 5 Tsy ho tataheñe o misonjoñeo naho fa afake ty fitataha'o, le
tsy hatontoñe ze valoboke mitiry amo vahe tsy nañetefañeo, amy t'ie taom-pitofàñe
heneke ho a i taney. 6 Fe ho fikama' areo ty voka' i fitofà' i taneiy, ihe naho ty
mpitoro'o lahy naho ty mpitoro'o ampela, naho ty mpièke, naho ty renetane mañialo
ama'o, 7 vaho hihinana' o hare'oo naho ze biby lý an-tane'o ao ze hene voka'e.

*Taon-Jobily*

8 Mañiaha taom-pitofàñe fito ho azo, fito taoñe atombo fito; le ty fitontoña' i taom-
pitofàñe fito rey ro mañomey efa-polo siv'amby taoñe. 9 Ie amy zay, ampipopoeñe
antsiva-paniahiañe ty andro faha-folo' i volam-pahafitoy, i andro fijebañañey, le
ho tsitsihe' areo fipopòn' antsiva ty tane' areo. 10 Le ampiambaho i taom-paha
limampoloy naho tsitsiho koim-pidadàñe i taney, amo mpimoneñe ama'e iabio.
Ho Jobily ama' areo, sindre himpoly amo fanaña'eo, songa himpoly aman-dongo'e.
11 Jobily ho anahareo i taom-paha-limampoloy: tsy hitongy ama'e, le tsy ho tatahe'
areo ze sonjo'e vaho tsy hatonto'o ze am-bahe tsy hineteke, 12 amy te Jobily, le hiavake

ho anahareo izay; ho kamae’ areo ze mipike an-tetek’ ao. 13 Songa hibalik’ amy
lova’ey amy taon-Jobiliy nahareo.

14 Aa ie mandetake inoñ’inoñe am’ ondatio ndra mikalo am-pità’ ondaty, le
asoao tsy hifampikatramo. 15 Ty ami’ ty ia’ o taoñe manonjohy i Jobilio ty ho
vilie’o am’ondatio le ty ami’ty ia’ o taom-pamokarañe sisao ty handetaha’e. 16 Ty
ami’ty hamaro’ o taoñeo ty hañonjona’o ty vili’e vaho ami’ty hatsiampe’ o taoñeo
ty hampiketraha’o ty vili’e; ty ia’ o fitatahañeo ro haleta’e ama’o. 17 Aa le ko
mifamorekeke, fa i Andrianañahare’o ro hañeveña’o; Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’
areo.

18 Aa le ambeno o fañèkoo naho oriho aman-dili-po o fepèkoo, vaho hiaiñ’
añoleñañe amy taney nahareo, 19 le ho toly ty sabo’ i taney naho ho anjam-pikamañe
nahareo vaho himoneñe ao tsy aman’ ore.

20 Aa naho hanoa’areo ty hoe, Ino ty ho hane’ay amy taom-pahafitoy, zahay tsy
hitongy, tsy hanontoñe an-driha? 21 Fa ho lilieko ho anahareo ty fanintsiñako amy
taom-paha-eneñey, hanataha’ areo ty mahakama tsahatse telo taoñe. 22 Ie hitongy
ami’ty taom-paha-valo, le ho kamae’ areo ty voka’e nivokats’ ela; pak’ amy taom-
pahasivey, ampara’ i fitatahañe ama’ey, ty hikama’ areo i elay.

23 Tsy haletake ho nainai’e i taney amy te ahiko o taneo; mpañialo naho renetane
amako nahareo. 24 Aa ty amo hene tanem-panaña’ areoo, añajào ty hijebañañe aze.
25 Ie mifotsak’ an-kararahañe ty longo’o naho mandetake i hanaña’ey, le homb’eo ty
longo’e marine aze, hijebañe i tane naletan-dongo’ey. 26 Aa naho tsy amam-pijebañe
t’indaty, fe am-pahimbañam-pità’e ro mahatontoñe ty hijebaña’e, 27 le hiahe’e o
taoñe mifototse amy nandetaha’e azeio, le havaha’e amy nivily azey ty tsi’ri’e amo
tao’eo vaho hibalik’ amy fanaña’ey re. 28 Aa naho tsy lefe’e ty hañitia’e fitàñe
hahaeneñe ty hampibalihañe aze le hidok’ am-pità’ i nikalo azey i naletakey ampara’
ty Taon-Jobily; havotsotse amy Jobiliy zay le himpolia’e i fanaña’ey.

29 Aa naho aleta’ t’indaty ty anjomba-pimoneñañe an-drova finahetse ao le azo’e
jebañeñe i anjombay añate’ ty taoñe mifototse amy nandetahañe azey; taoñe raike
do’e ty mete hijebañañe aze. 30 F’ie tsy jebañe’e añate’ ty taoñe raike le mijadoñe
ho fanaña’ i nikalo azey nainai’e pak’ añ’ afeafe’e i anjomba an-drova mifahetsey. Ie
tsy havotsotse amo Jobilio. 31 Fe ty anjomba tsy mifahetse ro volilieñe manahake o
tetekeo: azo jebañeñe zay vaho havotsotse ami’ty Jobily.

32 Fe ty amo rova’ o nte-Levio, toe manan-jo nainai’e o nte-Levio hijebañe o
anjomba an-drovam-panaña’ iareoo. 33 Aa naho mivily anjomba amo nte-Levio
t’indaty, le i anjomba naletak’ an-drova ao ho vara’ey ro havotso’e amy Jobiliy; amy
te fanaña’ i nte-Leviý añivo’ o ana’ Israeleo ze anjomba’e an-drova’ o nte-Levio. 34 Fe
tsy azo aletake o tanem-piandrazañe mañohoke o rova’ iareoo, amy t’ie fanaña’ iareo
nainai’e.

35 Aa naho mivariñ’ an-tsotry ty longo’o vaho moly ama’o, rambeso himoneñe
ama’o manahake t’ie renetane ndra mpañialo. 36 Ko angala’o anan-tsongo ndra
ampandivà’o, fe añeveño t’i Andrianañahare’o, le angao himoneña’e. 37 Ko
ampisongoen-drala hangala’o ana’e vaho ko ampanovoñe’o aze ze hanton-karo’e.
38 Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’ areo nañavotse anahareo an-tane Mitsraime añe
hitolorako i tane Kanàney, vaho ho Andrianañahare’ areo.

39 Aa naho mifotsak’ an-kasotriañe ty longo’o ama’o, hera havili’e ama’o ty fiai’e, ko
ampitoroñe’o hoe ondevo. 40 Hoe mpikarama naho mpañialo ty hitraofa’e, hitoroñe
ampara’ ty taon-Jobily; 41 ie amy zay ro hieng’ azo rekets’ o keleia’eo, himpoly mb’
aman-drolongo’e mb’eo, mb’am-panañan-droae’e añe. 42 Ahiko iereo, mpitoroko
nampiavoteko an-tane Mitsraime añe; tsy haletake ho ondevo. 43 Ko silofe’o ami’ty
famehea’o aze, fe añeveño t’i Andrianañahare’o. 44 Aa ty am’ ondevo lahilahy ndra

ampela fanaña'oo; le boak' amo fifeheañe mañohokeo ty ivilia' areo ondevo. 45 Azo'
areo vilieñe ka ty anan-drenetane mañialo ama' areo, naho amo hasavereña' iareo
nisamak' an-tane' areoo; mete ho fanaña' areo ka iereo. 46 Azo' areo ampandovaeñe
amo ana' areo mandimbeo ho fanaña'e, ho ondevo' areo nainai'e. Fe o longo' areo
ana' Israeleo, le tsy ho fehe' ty raike ty raike am-pisengean-kery.

47 Aa naho miraorao ty renetane ndra ty mpañialo ama'o, le ie mivariñ' an-tsotry
ty longo'o marine aze vaho mandeta vatañe ke amy renetaney he amy mpañialo
ama'oy, hera ami'ty tarira' i ambahiniy, 48 ie naletake ro mete jebañeñe. Hijebañe
aze ty raik' amo rahalahi'eo; 49 mete hijebañ'aze ka i rahalahin-drae'ey ndra i
ana-drahalahin-drae'ey; ndra ze amy fifokoa'ey ty hijebañe aze; he ie miraorao ro
hahaava-piaiñe. 50 Ty hifamolilia'e amy nivily azey, le boak' amy taoñe nandetaha'e
vatañey pak'amy Jobiliy; ty amo taoñeo ty vilin' aim-pijebañañe aze; ampiraeñe
ami'ty taom-pikarama i nitraofa'ey. 51 Ie mbe maro taoñe ty añe, le izay ty añavaha'e
ty vilin' ai'e ty amy drala nikaloañe azey; 52 ie tsy ampe ty taoñe pak' amy taon-Jobiliy
le inao ty hamoliliañe iareo roe: ty amo tao'eo ty añavahañe ty vilin'ai'e. 53 Ho
ama'e re manahake ty mpikarama mpitoloñe taoñ' an-taoñe; tsy hisengean-kery am-
pahaisaha'o. 54 Aa naho tsy jebañeñe amy hoe zay, mbe hienga avao amy taon-Jobiliy,
ie rekets' o keleia'eo. 55 Ahiko o ana' Israeleo; mpitoroko nakareko an-tane Mitsraime
añe: Zaho Iehovà Andrianañahare' areo.

# 26

*Tambem-Pivohorañe*
*Fts 7.12-24; 28.1-14*

1 Ko mamboatse saren-drahare, ndra mampitroatse sare-sokitse ndra hazomanga,
ndra mampipoke vato-lahy hiambaneañe an-tane' areo; amy te Zaho Iehovà
Andrianañahare' areo.

2 Ambeno o Sabatakoo le añeveño i toeko miavakey: Zaho Iehovà.

3 Aa naho orihe' areo o fañèkoo naho ambena' areo o lilikoo, t'ie anoeñe, 4 le
hampahaviako orañe an-tsa'e le hampibodobodoe' i taney ty voka'e vaho hiegoego
o voan-katae an-kivokeo. 5 Hitakatse ty sam-panontoña' areo ty sam-pamofohañe,
naho ho takare' i fanontoñañey ty sam-pitongisañe; ho ànjañe mahakama nahareo
vaho hiaiñañoleñañe an-tane' areo ao. 6 Hampanintsiñeko i taney, ie handre tsy eo
ty hañembañe; hafahako amy taney ze biby mpijoy, vaho tsy ho rangàem-pibara
ty tane' areo. 7 Ho horidañe' areo o rafelahi' areoo, le hampitsingoritrirem-pibara
añatrefa' areo eo. 8 Hañinjake zato ty lime ama' areo naho hañoridañe ty alen-dahy
ty zato ama' areo; hampitsingorom-pibara aolo' areo o rafelahi' areoo.

9 Ho toliheko, le hampibodobodoeko naho hañaretaheko; vaho hajadoko ama' areo
ty fañinako. 10 Ho kamae' areo i nahaja elay le hakare' areo i elay aolo' i vaoy.
11 Hapoko añivo' areo ao i kivohokoy le tsy ho falain-troko. 12 Hijelanjelañe ama'
areo ao raho le ho Andrianañahare' areo vaho hondatiko nahareo.

13 Zaho i Iehovà Andrianañahare' areo ninday anahareo nienga an-tane Mitsraime
añe tsy ho ondevo' iareo; fa nipozaheko ty baon-joka' areo vaho nampijaradoñeko.

*Lilo te Manjehatse*
*Fts 28.14-68*

14 F'ie manjehatse ahiko, tsy miambeñe o hene liliko retoañe, 15 naho sirikàe' areo
o fañèkoo, naho heje' ty tro' areo o fepèkoo, tsy ho henefe' areo o fandiliakoo, fe
mivalik' amy fañinakoy, 16 le inao ka ty hanoeko ama' areo: Hanendreako feh' ohatse;
hike naho angorosy ty hampandò o fihaino' areoo vaho hampitìke ty sandriñe. Tsy

hanjofake ty tabiry ho tongise’ areo, fa habotse’ o rafelahi’ areoo. 17 Hatreatrèn-
daharako, ie ho zevoñeñe aolo’ o rafelahi’ areoo. Hifehea’ ty malaiñe anahareo
naho hivoratsake ty lay ndra te tsy horidañeñe.

18 Ie amy zay, naho mbe tsy mañaoñe ahy ty am’irezay, le hatomboko im-pito ty
fandilovako ty amo hakeo’ areoo. 19 Ho pozaheko ty engen-kaozara’ areo; le hanoeko
viñe ty likera’ areo naho torisìke ty tane’ areo. 20 Le ho mokoreñe tsy vente’e ty
hafatrara’ areo; naho tsy hahatoly sabo ty tane’ areo, vaho tsy hamoa o hatae an-
taneo.

21 Ie amy zay, naho mifandietse amako, tsy mete mijanjiñe, le hatomboko ama’ areo
im-pito ty lafa ty amo tahi’ areoo. 22 Hahitriko ama’ areo o bibin-kivokeo hitavañe
amo ana’ areoo, naho hamono o hare’ areoo naho hadoñe tsy ampeampe nahareo
vaho ho bangìñe o lalan-damo’ areoo.

23 Aa ie mbe tsy mañaom-panoroañe amako amy rezay vaho mbe manjehatse ahy,
24 le ho zehareko ka, naho ho fofoheko im-pito indraike ty amo fandilara’ areoo. 25 Le
hindesako fibaram-pamaleañe, hamaleako ty amy fañinay; ie mihipok’ an-drova’
areo ao, le hañirahako angorosy, vaho hasese am-pitàn-drafelahy. 26 Ie pozaheko ty
mahakama fitoño’ areo le rakemba folo ty hanoñake ty mofo’ areo an-toñake raike,
vaho hazotso’e an-danja’e i mahakay; hikama nahareo fa tsy ho anjañe.

27 Ie amy zay, naho mboe tsy hañaoñ’ ahy fe manjehatse avao, 28 le zaho ka ty
hanjehatse am-poroforo; Zaho, eka zaho, ty handilo anahareo im-pito ty amo sata-
rati’ areoo. 29 Ho kamae’ areo ty nofon’ ana-dahi’ areo, eka, ty nofon’ anak’ ampela’
areo ty ho hane’ areo. 30 Harotsako o toets’ abo’ areoo, ho firaeko o ajiba’ i àndroio,
le havokovokoko amo lolo niatoa’areoo ty lolo’ areo, vaho halaim-bintañe anahareo
ty troko. 31 Ho koàheko o rova’ areoo, le hampangoakoaheko o toe-miava’ areoo
vaho tsy hantsoñeko ty hamañi’ o embo-areoo. 32 Hampanjarieko bangý i taney vaho
ho latsa ty rafelahi’ areo mivotrak’ ao, 33 ie ampivarakaiheko amo fifeheañeo, naho
hapontsoako ama’ areo ty fibara; ho bangý ty tane’ areo vaho ho kòake o rova’ areoo.

34 Zay vaho havahañe amy taney o fitofà’eo amo hene andro idoña’e ho kòakeo,
ie an-tanen-drafelahy añe; eka hitofa i taney vaho havahañe ama’e o Sabata’eo.
35 Ie midòñe amy habangì’ey ro hitofa, i fitofañe tsy niazo’e amo Sabata’ iareooy,
ie nimoneñe ama’e ao nahareo.

36 Aa ty amo sehanga’ areoo, le hañitrifako havakà ty añ’arofo’ iareo an-tanen-
drafelahy añe kanao higoridañe anahareo ty feon-draven-katae mikatsakatsàñe; ie
hirimatse mb’eo hoe hinjahem-pibara le hikatràboke eo f’ie tsy amam-pañorìdañe.
37 Hifampihotrake iereo hoe aolom-pibara, t’ie tsy eo mpañoridañe, le ho po-
kaozarañe tsy hahafijohañe añatrefa’ o rafelahi’ areoo. 38 Hikoromak’ amo kilakila
ondatio añe nahareo vaho hagodra’ ty tanen-drafelahi’ areo. 39 Aa le hitìke an-tanen-
drafelahi’ areo añe o hongaha’ areoo ty amo hakeo’ areoo; vaho o tahin-droae’ iareoo
ty hitraofa’ iareo fimomoke.

40 Naho isolohoa’ iareo o hakeo’eo naho o tahin-droae’eo ty amo fandilara’ iareo
nandilarañe amakoo naho ty fanjehara’ iareo; 41 ie nifankalaiñe am’iereo, nanese
iareo an-tanen-drafelahy añe; fa naho hirèke o arofo’ iareo tsy sinavatseo naho
miantoke lilo ty amo hakeo’ iareoo, 42 le ho tiahiko ty fañinako am’ Iakòbe naho
i fañinako am’ Ietsàkey naho i fañinako amy Avrahamey vaho ho tiahiko i taney,
43 i tane nifarie’ iareo ho bangiñey, hañavahañe o Sabata’eo ie màndre kòake ty
am’iereo tsy ao, vaho hondrohañe am’iereo ty valen-kakeo, ty amy nanjehara’ iareo
o lilikoo, naho nisirikae’ iareo o fepèkoo naho nihejen-tro’ iareo o fañèkoo.

44 Ndra te eo iaby zay, ie an-tanen-drafelahy ao, le tsy haforintseko tsy ho hejeko
t’ie handrotsahako ho mongotse, hivalihako amy fañinako am’ iereoy, amy te Zaho
Iehovà Andrianañahare’ iareo. 45 Le ho tiahiko ty ama’ iareo i fañinako aman-droae’

iareo t’ie nakareko an-tane Mitsraime añe am-pahaisaha’ o kilakila ondatioy, le ho
Andrianañahare’ iareo; Zaho IEHOVÀ.
46 Ie o fañè naho fepètse naho fetse nanoe’ IEHOVÀ añivo’e naho o ana’ Israeleo
ambohi-Sinay añe am-pità’ i Mosèo.

## 27

*Ava-pitangeñañe*

1 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 2 Saontsio amo ana’ Israeleo ty hoe, Naho
mitangèñe am’ IEHOVÀ t’indaty, ty ami’ty fisafiria’o ho vilin’ai’ ondaty: 3 le zao ty
hamolilia’o ty lahilahy roapolo taoñe pak’ amy faha’ enem-polo taoñey, ho sekele
limampolo volafoty amy sekelen-toe-miavakey ty hamolilia’o aze. 4 Naho rakemba,
le ho telopolo sekele ty hamolilia’o aze; 5 aa ie lime taoñe pake roapolo taoñe le
sekele roapolo ty hamoliliañe ty lahilahy vaho sekele folo ty ampela; 6 ie vola’e
raike pak’ami’ty halime tao’e, le amolilio sekele volafoty lime ty lahilahy vaho
amolilio sekele volafoty telo ty ampela; 7 ie enem-polo taoñe mañambone, naho
ondaty, le amolilio sekele folo-lim’ amby, vaho folo sekele ty rakemba. 8 Ie rarake
te amy namolilia’o azey, le hampiatrefeñe amy mpisoroñey, vaho hampitsatohe’ i
mpisoroñey ty ava’e; ty fahahenefa’ i nifantày ty hamolilia’ i mpisoroñey.
9 Aa naho biby fañengà’ ondaty am’ IEHOVÀ ty hengaeñe, le hiavake ze hene hare
engae’ ondaty am’ IEHOVÀ. 10 Tsy hovae’e, tsy hatsalo’e ty raty hasolo ty soa ndra ty
soa ty raty; aa naho toe ampitsalohe’e biby ty biby le songa hiavake i raikey naho i
solo’ey. 11 Aa naho biby tsy malio, ie tsy fisoroñañe am’ IEHOVÀ, le hasese’e aolo’ i
mpisoroñey; 12 le ho volilie’ i mpisoroñey ty vili’e: ke t’ie soa he raty; ze amolilia’
i mpisoroñey aze, le zay ty ie. 13 F’ie te hijebañe aze, le hatovo’e amy anjoanjo’e ty
ampaha-lime’e.
14 Aa naho havahe’ t’indaty ty anjomba’e hampiavaha’e am’ IEHOVÀ, le hampit-
satohe’ i mpisoroñey ty vili’e, ke t’ie soa ke raty, ze amolilia’ i mpisoroñey aze ty
hijadoñe. 15 Aa ie te hijebañe i anjomba navahe’ey, le tsy mahay tsy anovoña’e ty
ampaha-lime’ i namoliliañe azey, vaho himpolia’e.
16 Aa naho añenga’ ondaty am’ IEHOVÀ o tane fanaña’eo, le ho volilie’o ty amy
tabiri’ey: hatao sekele volafoty limampolo ty *homere’ tabirim-bare hordea. 17 Aa
naho boak’ an-taon-Jobily ty añenga’ ondaty ty tane’e, le ty amolilia’o aze ty
mijadoñe. 18 Aa ie añe i Jobiliy te añenga’ ondaty i tete’ey, le ho volilie’ i mpisoroñey
ty vili’e amo taoñe tsy ri’e am-para’ i taon-Jobiliio le haketrake ty amy amolilia’oy.
19 Aa naho te hañavake i tane’ey i nañenga azey, le tsy mete tsy tovoña’e ty ampaha-
limem-bili’e vaho hibalik’ ama’e. 20 Fa naho tsy hijebañe i tane’ey re, ke t’ie naletak’
ama’ ondaty, le tsy ho mete jebañeñe ka, 21 f’ie votsotse amy Jobiliy i tetekey, hiavake
ho am’ IEHOVÀ i taney ho tane miavake; le a’ i mpisoroñey zay ho fanaña’e.
22 Aa ie avi’e am’ IEHOVÀ ty teteke vinili’e fa tsy ty tane linova’e, 23 le ho volilie’ i
mpisoroñey o taoñe tsy ri’e ampara’ ty Jobilio, ho vili’e, le hatolo’e amy àndro zay
i vinolili’oy ho enga miavake am’ IEHOVÀ. 24 Himpoly amy nikaloañ’ azey, toe amy
mpandova i taneiy, i tetekey ami’ty taon-Jobily. 25 Fonga an-tsekele’ i toe-miavakey o
famolilia’oo: gerà roapolo ty ho sekele raike.
26 Aa ty amo valohan’ anan-kàreo, a IEHOVÀ zay kanao terake valohan’ anake, le tsy
hengae’ ondaty; ke t’ie añombe hera añondry, a IEHOVÀ. 27 Aa naho biby tsy malio, le
ho jebañe’e amy namolilia’oy, vaho hitovoña’e ty ampaha-lime’e; naho tsy jebañeñe
zay le haletak’ amy namolilia’oy.

---

* **27:16** Homere = 234 litatse

28 Ie amy zao, tsy azo aletake o raha navìkeo, ze havì' ondaty ho am' IEHOVÀ boak'
amy ze hene vara'e; ke ondaty he biby, ke tetek' an-tane'e ao, le tsy mete aletake tsy
mete jebañeñe; fa miava-do'e am' IEHOVÀ ze hene raha navìke. 29 Tsy mete jebañeñe
t'indaty navaheñe, fa nafatse ho vonoeñe, le toe havetrake.
30 A IEHOVÀ ze hene faha-folo' i taney, ke ty tabiri' i taney, ke ty voan-katae; miavake
ho am' IEHOVÀ zay; 31 aa naho te hijebañe i faha-folo'ey t'indaty, le hatovo'e ama'e ty
ampaha-lime'e. 32 Ze fahafolo' o añombeo ndra o mpirai-liao, ze miranga ambane'
i kobaiy, le songa miavake ho am' IEHOVÀ i faha-folo'ey. 33 Tsy ho darè'e ke soa he
raty, tsy ho soloa'e; ie soloa'e le songa hiavake i solo'ey naho i sinoloy fa tsy mete
jebañeñe.
34 I lily rezay ro nandilia' IEHOVÀ amy Mosè ambohi-Sinay añe ho a o ana' Israeleo.

# Volily

*Ty Famoliliañe Valoha' Israele*
*2 Sam 24.1-9;1 Its 21.1-6*

1 Ty tsara' IEHOVÀ amy Mosè an-dratraratra' i Sinay añe, amy kibohom-
pamantañañey ao, am-baloham-bolam-paharoe' i taom-paharoe niavota' iareo an-
tane Mitsraimey, ami'ty hoe, 2 Tsitsiho vali-boke i valobohòn' ana' Israeley, amo
fifokoa' iareoo, naho amo anjomban-droae'eo hamoliliañe o tahina'eo, ze hene
lahilahy ki-loha'e ki-loha'e, 3 roapolo taoñe mañambone mahafionjo hialy ho a
Israele. Ihe naho i Aharone ty hañiake iareo ty amo mpirai-lian-defo'eo. 4 Le hindre
ama' areo t'indaty boak' amy ze hene fifokoa'e, songa talèn' anjomban-droae'e.
5 Le zao ty tahina' ondaty hifanehak' ama' areo: amy Reòbene: i Elitsore ana' i
Sedeore; 6 amy Simone, i Selomiele ana' i Tsorisaday; 7 am' Iehodà: i Nakesone ana'
i Aminadabe; 8 am' Isakàre: i Netanale ana' i Tsoare; 9 amy Zebolone: i Eliabe ana' i
Kelone; 10 amy ana' Iosefe rey: amy Efraime, i Elisama ana' i Amihode; amy Menasè,
i Gamaliele ana' i Pedatsore; 11 amy Beniamène, i Abidane ana' i Gedoný; 12 amy
Dane: i Akièzere, ana' i Amisedahy; 13 amy Asere: i Pejiele ana'i Okrane; 14 amy
Gade: i Eliasafe ana' i Dehoele; 15 amy Naftaly, i Akirà ana' i Ainane; 16 Ie ro jinoboñe
amy valobohòkey, ie mpiaolo o fifokoan-droae'eo, mpifelek' arivo' Israele.

17 Aa le rinambe' i Mosè naho i Aharone indaty tinoñon-tahinañe rey, 18 naho
natonto' iareo i hene valobohòkey ami'ty andro valoha' i volam-paharoey vaho
niantoñoñe an-tariratse añ' anjomban-droae'e, naho nisokiran-tahinañe vaho nivo-
lileñe mifototse ami'ty roapolo taoñe mañambone, ki-loha ki-loha, 19 ami'ty nandilia'
IEHOVÀ amy Mosè ty nanoe'e valiboke an-dratraratra' i Sinay añe.

20 Le amo tarira' i Reòbene tañoloñoloña' Israeleo, ty fiantoño'e, amo fifokoa'eo,
amo anjomban-droae'eo, ty ia' o tahina'eo, ze lahilahy ki-loha ki-loha, niaheñe
roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ'aly; 21 ty vinolily am-pifokoa'
i Reòbene, efats' ale tsi-eneñ' arivo-tsi-liman-jato.

22 Amo tarira' i Simoneo, ty fiantoño'e amo fifokoa'eo, amo anjomban-droae'eo,
ze niaheñe ama'e ty ia' o tahina'eo, ze lahilahy ami'ty añambone'e roapolo taoñe
mañambone, ze nahafionjom-bañ' aly iaby; 23 ty vinolily am-pifokoa' i Simone: lime
ale-tsi-sive-arivo-tsi-telon-jato.

24 Amo tarira' i Gadeo, ty fiantoño'e amo fifokoa'eo amo anjomban-droae'eo ty ia'
o tahina'eo, ze lahilahy ami'ty añambone'e roapolo taoñe mañambone, ze hene
nahafionjom-bañ'aly; 25 ty vinolily am-pifokoa' i Gade, efats' ale-tsi-lime-arivo-tsi-
enen-jato-tsi-limampolo.

26 Amo tarira' Iehodào, ty fiantoño'e, amo fifokoa'eo amo anjomban-droae'eo ty
ia' o tahina'eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ'aly; 27 ty
vinolily am-pifokoa' Iehodà, fito-ale-tsi-efats' arivo-tsi-enen-jato.

28 Amo tarira' Isakàreo, ty fiantoño'e, amo fifokoa'eo amo anjomban-droae'eo ty
ia' o tahina'eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ'aly; 29 ty
vinolily am-pifokoa' Isakhare, le lime-ale-tsi-efats' arivo-tsi-efa-jato.

30 Amo tarira' i Zeboloneo ty fiantoño'e, am-pifokoa'e, amo anjomban-droae'eo, ty
ia' o tahina'eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ'aly; 31 ty
vinolily am-pifokoa'i Zebolone, lime-ale-tsi-fito-arivo-tsi-efa-jato.

32 Amo tarira’ Iosefeo, amo ana’ i Efraimeo, ty fiantoño’e, amo fifokoa’eo, amo
anjomban-droae’eo ty ia’ o tahina’eo, ze roapolo taoñe mañambone nahafionjom-
bañ’aly; 33 ty vinolily am-pifokoa’ i Efraime le efats’ ale-tsi-liman-jato.
34 Amo tarira’i Menaseo, ty fiantoño’e, amo fifokoa’eo amo anjomban-droae’eo ty
ia’ o tahina’eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze nahafionjom-bañ’ aly iaby; 35 ty
vinolily am-pifokoa’i Menasè, telo-ale-tsi-ro-arivo-tsi-roan-jato.
36 Amo tarira’i Beniamèneo, ty fiantoño’e, am-pifokoa’e, amo anjomban-droae’eo,
ty ia’ o tahina’eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ’aly; 37 ty
vinolily am-pifokoa’ i Beniamène, telo-ale-tsi-lime-arivo-tsi-efa-jato.
38 Amo tarira’ i Daneo, ty fiantoño’e, am-pifokoa’e amo anjomban-droae’eo ty ia’ o
tahina’eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ’aly; 39 ze vinolily
am-pifokoa’ i Dane ao le eneñ’ ale-tsi-ro-arivo-tsi-fiton-jato.
40 Amo tarira’ i Asereo, ty fiantoño’e, am-pifokoa’e amo anjomban-droae’eo ty ia’ o
tahina’eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ’ aly; 41 ze vinolily
am-pifokoa’ i Asere, efats’ale-tsi-arivo-tsi-liman-jato.
42 Amo tarira’ i Naftalio, ty fiantoño’e, ampifokoa’e amo anjomban-droae’eo ty ia’ o
tahina’eo, ze roapolo taoñe mañambone, ze hene nahafionjom-bañ’aly; 43 ze vinolily
am-pifokoa’ i Naftaly, lime-ale-tsi-telo-arivo-tsi-efa-jato.
44 Ie o vinolilio, o niahe’ i Mosè naho i Aharone, naho o mpiaolo’ Israeleoo, ondaty
folo ro’ amby, songa sorotàn’ anjomban-droae’e. 45 Aa le ze niaheñe amo ana’
Israeleo, amo anjomban-droae’eo, ie niroapolo taoñe mañambone, o nahafionjom-
bañ’aly ho a Israeleo; 46 ze hene vinolily, le enen-ketse-tsi-telo arivo-tsi-liman-jato-tsi-
limampolo. 47 Tsy niaheñe am’ iereo ami’ty fifokoan-droae’ iareo o nte-Levio. 48 Fa
hoe ty nitsarae’ Iehovà amy Mosè: 49 Ko iahe’o ty fifokoa’ i Levy, le tsy ho volilie’o
amo ana’ Israeleo, 50 f’ie ho tendrè’o amy kibohom-pañinay, amo harao’e iabio naho
amy ze he’e ama’e, hitarazo i kivohoy naho o harao’e iabio; ho vandroñe’ iereo vaho
hitobe hiarikoboñe aze. 51 Aa ie hionjom-beo i kivohoy le o nte-Levio ro hampikatrak’
aze; ie haoreñe ka i kivohoy le o nte-Levio ty hampitroatse aze. Havetrake t’indaty
ila’e mañarivo ama’e. 52 Hañoreñe o kiboho’ iareoo o ana’ Israeleo songa an-kitòbe’e;
sindre aman-tsai’e, amo mpirai-lia’eo; 53 fe hitobe añariari’ i kibohom-pañinay o
nte-Levio, tsy hifetsahan-kaviñerañe i valobohò’ Israeley; le ho mpamandroñe i
kibohom-pañinay o nte-Levio. 54 Nanoe’ o ana’ Israeleo zay; ze hene nandilia’ Iehovà
i Mosè ty nanoe’ iereo.

# 2

*Ty Filahara’ i Fitobeañey*

1 Hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè naho i Aharone: 2 songa hitobe am-pijadoña’ i
sai’ey marine’ ty vilon-droae’e o ana’ Israeleo. Añ’ariari’ i kibohom-pamantañañey
ty hitobea’ iareo. 3 Atiñana’e, mb’ am-panjiriha’ i àndroy, ty hitobea’ o mpañonjoñe
ty sai’ Iehodào amo mpirai-lia’eo; i Naksone, ana’i Aminadabe ty mpiaolo’ o ana’
Iehodao. 4 Ty mpirai-lia’e, o niaheñe ama’eo, le fito-ale-tsi-efats’ arivo-tsi-enen-jato.
5 Hanonjohy toetse ama’e ty fifokoa’ Isakhare; i Netanela ana’ i Tsoare ty mpiaolo’
o ana’ Isakhareo. 6 Ty mpirai-lia’e, o niaheñe ama’eo, le lime ale-tsi-efats’ arivo-
tsi-efa-jato. 7 Le ty fifokoa’ i Zebolone; Eliabe ana’ i Kelone ty mpiaolo’ o ana’ i
Zeboloneo; 8 ty mpirai-lia’e, o niaheñe ama’eo, le lime-ale-tsi-fito-arivo-tsi-efa-jato. 9 O
vinolily an-tobe’ Iehodao nitontoñe ho rai-hetse-tsi-valo-ale-tsi-eneñ’ arivo-tsi-efa-jato
amo mpirai-lia’eo; hionjoñe valoha’e iereo.
10 Ami’ty ila’e atimo ty hijadoña’ ty sain-tobe’ i Reòbene ty amo mpirai-lia’eo; i
Elitsore ana’ i Sedeore ty mpiaolo’ o ana’ i Reòbeneo. 11 Ty mpirai-lia’e, o niaheñe

ama'eo, le efats' ale-tsi-eneñ' arivo-tsi-liman-jato. 12 Ty fifokoa'i Simone ty hitobe
marine iareo; i Semoliale ana' i Tsorisadahy ty mpiaolo' o ana' i Simoneo. 13 Ty
mpirai-lia'e, o niaheñe ama'eo, le lime-ale-tsi-sive-arivo-tsi-telon-jato. 14 Manonjohy
iereo ty fifokoa' i Gade, i Eliasafe ana' i Rehoele ty mpiaolo' o ana' i Gadeo. 15 Ty
mpirai-lia'e, o niaheñe ama'eo le efats' ale-tsi-lime-arivo-tsi-enen-jato-tsi-limampolo.
16 O vinolily an-tobe' i Reòbeneio le rai-hetse-tsi-lime-ale-tsi-arivo-tsi-efa-jato-tsi-
limampolo amo mpirai-lia'eo; faharoe te mienga iereo.

17 Hionjoñe amy zao i kibohom-pamantañañey mindre amo kitoben-te-Levio,
añivo' o kitobeo; le amo fitobea'eo ty hiavota' iareo, songa ondaty ami'ty filahara'e
ty amo sai'eo.

18 Añ'ila'e ahandrefañe ty hijadoña' ty sain-tobe' i Efraime ty amo mpirai-lia'eo,
i Elisama ana' i Amihode ty mpiaolo' o ana' i Efraimeo, 19 naho i mpirai-lia'ey, o
niaheñe ama'eo le efats' ale-tsi-liman-jato. 20 Marine aze ty fifokoa' i Menasè le i
Gamliele ana' i Pedatsore ty mpiaolo' o ana' i Menaseo; 21 ty mpirai-lia'e, o niaheñe
ama'eo, telo ale-tsi-ro' arivo-tsi-roan-jato. 22 Le ty fifokoa' i Beniamène; i Abidane
ana' i Gedoný ty ho mpiaolo' o ana'i Beniamèneo; 23 ty mpirai-lia'e, o niaheñe ama'eo,
telo-ale-tsi-lime-arivo-tsi-efa-jato. 24 O vinolily an-tobe' i Efraimeo amo mpirai-lia'eo
le rai-hetse-tsi-valo-arivo-tsi-zato; fahatelo te mienga iereo.

25 Añ'ila'e avaratse ty hijadoña' ty sain-tobe' i Dane ty amo mpirai-lia'eo, le i
Akièzere, ana' i Amisedahy ty mpiaolo'e; 26 ty mpirai-lia'e, o niaheñe ama'eo, eneñ'
ale-tsi-ro' arivo-tsi-fiton-jato. 27 Ty fifokoa' i Asere ty hitobe marine aze, le i Pejiele
ana' i Okrane ty mpiaolo' o ana' i Asereo; 28 ty mpirai-lia'e, o niaheñe ama'eo, efats'
ale-tsi-arivo-tsi-liman-jato o lahindefo'eo. 29 Le ty fifokoa' i Naftaly, i Akirà ana' i
Ainane ty mpiaolo' o ana' i Naftalio; 30 ty mpirai-lia'e, o niaheñe ama'eo, lime-ale-
tsi-telo-arivo-tsi-efa-jato. 31 O vinolily an-tobe' i Daneo le rai-hetse-tsi-lime-ale-tsi-fito-
arivo-tsi-enen-jato; miavotse am-boli'e iereo, am-pañoriheñe ty sai' iareoo.

32 O niaheñe amo ana' Israeleo ty amo anjomban-droae'eo, ze vinolily kitobe-
kitobeo ty amo mpirai-lia'eo, enen-ketse-tsi-telo-arivo-tsi-liman-jato-tsi-limampolo.
33 Tsy niaheñe amo ana' Israeleo o nte-Levio, ami'ty nandilia' IEHOVÀ i Mosè.

34 Nanoe' o ana' Israeleo ze hene nandilia' IEHOVÀ i Mosè; ie ty nitobea' iareo amo
sai'eo le ie ty nionjona' iareo, songa am-pifokoa'e añ'anjomban-droae'e.

# 3

### *O Ana' i Aharoneo*

1 Zao o tarira' i Aharone naho i Mosè tamy andro nitsarae' IEHOVÀ amy Mosè am-
bohi-Sinaiy. 2 Iretoy o tahinan' ana' i Aharoneo: Tañoloñoloña'e t'i Nadabe naho
i Abiho, i Elazare, vaho Itamare. 3 Ie ro tahina' i ana' i Aharone rey, o mpisoroñe
norizañeo, i noriza'e hitoroñe ho mpisoroñe rey. 4 Fe nihomak' añatrefa' IEHOVÀ t'i
Nadabe naho i Abiho, ie nañenga afo tsie aolo' IEHOVÀ ampatram-bei' i Sinay añe, ie
tsy nanañ' anake. Aa le nitoroñe ho mpisoroñe añatrefa' i Aharone rae'e t'i Elazare
naho Itamare.

### *Ty Fitoloña' o nte-Levio*

5 Le nanao ty hoe amy Mosè t'IEHOVÀ: 6 Ampañarineo ty fifokoa' i Levy, vaho
ampiatrefo i Aharone mpisoroñe, hitoroña' iareo. 7 Ho henefe' iareo o fitoloña'eo
naho ty fitoloña' i valobohòke aolo' i kibohom-pamantañañey hitoloñe amy kivohoy.
8 Ho vandroñe' iereo ty harao' i kibohom-pamantañañey le ho henefe' iareo ty
fiatrahañe o ana' Israele mioza amy fitoroñañe i kivohoy. 9 Le tendreo ho amy
Aharone naho o ana'eo o nte-Levio; ie hene nitolorañe boak' amo ana' Israeleo. 10 Aa

le tendreo t’i Aharone naho o ana’eo hitolon-ko mpisoroñe; fe havetrake ze ondaty
ila’e miharine eo.
11 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè: 12 Ingo, zaho ty nandrambe o nte-Levio amo ana’
Israeleo hisolo ze tañoloñoloña’ o ana’ Israele manoka-koviñeo. Aa le ahiko o nte-
Levio, 13 amy te fonga ahiko ze valohan’ anake: Mifototse amy andro nipaohako ze
hene valohan’ anak’ an-tane Mitsraimey le songa navìko ho ahiko ze valohan’ ana’ o
ana’ Israeleo, ke ondaty he hare. Ahy iereo, Zaho IEHOVÀ.
14 Le nanao ty hoe amy Mosè an-dratraratra’ i Sinay añe t’IEHOVÀ, 15 Volilio o ana’
i Levio, amo anjomban-droae’eo, naho amo hasavereña’eo; fonga iaho ze lahilahy
vola’e raike mañambone. 16 Aa le niahe’ i Mosè amy tsara’ IEHOVÀy, amy nandiliañe
azey. 17 Intoañe o ana’ i Levio ty amo tahina’eo: i Geresone naho i Kehàte vaho i
Merarý. 18 Intoañe o tahinan’ ana’ i Geresone amo hasavereña’eoo: i Libný naho
i Simý. 19 Naho o ana’ i Kehàteo amo hasavereña’eo: i Amrame, naho Izehare, i
Khebrone vaho i Oziele. 20 Naho o ana’ i Merario amo hasavereña’eo: i Maklý naho
i Mosý. Ie ro hasavereña’ i Levy amo anjomban-droae’eo.
21 I Geresone ty niboaha’ o hasavereña’ i Libnio naho o hasavereña’ i Simio; Ie
o amori’ i Geresoneo. 22 Ty niaheñe am’ iereo, ami’ty ia’ ze hene lahilahy vola’e
raike mañambone le fito-arivo-tsi-liman-jato. 23 Natobe amboho’ i kivohoy ahan-
drefañe ey o amori’ o nte-Geresoneo. 24 I Elisafe ana’ i Laede ty mpiaolo’ ty anjomban-
droae’ o amori’ i Geresoneo. 25 Ty fitoloña’ o amori’ i Geresoneo le amy kibohom-
pamantañañey, le i kivohoy naho i kibohotsey, i tako’ey naho i lamba-pañefe’ i lalan-
kibohom-pamantañañeiy, 26 naho o lamba miradorado an-kiririsa eio, naho o lamba
fañefe’ i lalam-bein-kiririsaio, i miarikatoke i kivohoiy naho i kitreliy naho o tali’eo:
vaho ze fitoloñañe amy rezay.
27 I Kehàte ty niboaha’ o hasavereña’ i Amrameo, naho o hasavereña’ Izehareo,
naho o hasavereña’ i Khebroneo vaho o hasavereña’ i Ozieleo: ie o amori’ i Kehàteo;
28 am’ iereo ty niaheñe ze fonga lahilahy vola’e raike mañambone, aa le valo-arivo-
tsi-enen-jato ty mpitoloñe amy famandroñañe i efe-miavakeiy. 29 Atimo’ i kivohoy
ty fitobea’ o amori’ i Kehàteo, 30 i Elitsafane ana’ i Oziele ty mpiaolo’ ty anjomban-
droae’ o amori’ i Kehàteo. 31 Ty lili’ iareo, le i vatay, naho i rairaiy, naho i fitàn-jiroy,
naho o kitrelio, naho o fanake itoroñañe amy efe-miavakeo, naho i lamba fañefetsey
vaho ze fampikasokasohañe irezay. 32 I Elazare ana’ i Aharone mpisoroñe, ro talè’ o
mpiaolo nte-Levio, ie ty mpisari’ o mpamandroñe amy efe-miavakeio.
33 I Merarý ty niboaha’ ty hasavereña’ i Makly naho ty hasavereña’ i Mosy: ie o
amori’i Merario. 34 Ty ia’ iareo, ie niaheñe ze hene lahilahy vola’e raike mañambone
le eneñ’ arivo-tsi-roan-jato. 35 I Tsoriele ana’ i Abikaile ty talèn’ anjomban-droae’ o
amori’ i Merario; avara’ i kivohoy ty fitobea’ iereo. 36 Zao ty fitoroñañe nafantok’
amo amori’ i Merario: o varamba i kivohoio, o sàka’eo, o anakòre’eo, o tombo’eo,
o harao’eo, naho ze hene fitoloñañe amy rezay, 37 naho o ana-kòreñe miarikatoke i
kiririsaio rekets’ o tombo’eo naho o tsato’eo vaho o tali’eo.
38 Aolo’ i kivohoy atiñanañe ey, aolo’ i kibohom-pamantañañey mb’amy fanjiri-
han’androy—ty fitobea’ i Mosè naho i Aharone naho o ana’ i Aharoneo, hañambeñe
i toetse miavakey, vaho ty fiatrafañe o ana’ Israeleo, le havetrake ze ila’e miharine eo.
39 Ty ia’ o niaheñe amo nte-Levio; o niahe’ i Mosè naho i Aharone ami’ty lili’ IEHOVÀ
amo hasavereña’eoo, ze lahilahy vola’e raike mañambone, le ro’ale-tsi-ro’arivo.

### *Vilin’ai o Valohan’Anakeo*

40 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè: Volilio ze hene tañoloñoloña’ o ana’ Israele vola’e
raike mañamboneo, songa iaheñe ami’ty tahina’e. 41 Le rambeso ho ahy, IEHOVÀ,
o nte-Levio hasolo ze hene tañoloñoloña’ o ana’Israeleo; le ty hare’ o nte-Levio ty
hasolo ze hene valohan’ anan-kare’ o ana’ Israeleo. 42 Aa le fonga niahe’ i Mosè o ana’

Israeleo ami'ty nandilia' IEHOVÀ. 43 Ty nañiahañe o hene tañoloñoloñan-dahilahy
vola'e raike mañamboneo, am-pañiahañe o tahina'eo, le niro' ale-tsi-ro' arivo-tsi-
roan-jato-tsi-fitompolo-telo' amby.
44 Le hoe ty tsara' IEHOVÀ amy Mosè: 45 Rambeso ho ahiko o nte-Levio hasolo ze
hene tañoloñoloña' o ana' Israeleo naho ty hare' o nte-Levio hasolo ty hare' iareo.
Ho ahiko o nte-Levio, Zaho IEHOVÀ. 46 Aa ty hijebañañe i roan-jato-tsi-fitompolo-
telo-ambi' o tañoloñoloñan' ana' Israele nandikoatse ty ia' o nte-Levioo rey, 47 le
songa handrambesa'o *sekele lime ho vili-loha'e; ami'ty vili' i sekelen' efe-miavakey,
roapolo gerà ty sekele raike. 48 Le hatolo'o amy Aharone naho amo ana'eo i drala
nijebañañe o ila'e nandikoatseoy. 49 Aa le rinambe' i Mosè i dralam-pijebañañey
amo nandikoatse ze nijebañe' o nte-Levio; 50 amo tañoloñoloña' o ana' Israeleo ty
nandrambesa'e ty drala arivo-tsi-telon-jato-tsi-enempolo-lime amby amo sekelen-toe-
miavakeo; 51 vaho natolo' i Mosè amy Aharone naho amo ana'eo i dralay, ty amy
tsara' IEHOVÀy, amy nandilia' IEHOVÀ i Mosèy.

# 4

*O nte-Kehàteo*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè naho i Aharone: 2 Volilio o ana' i Kehàte boak'
amo nte-Levioo, amo hasavereña'eo naho amo anjomban-droae'eo, 3 ze telopolo
taoñe pake limampolo taoñe; ze hene hizilik' amy firimboñañey, hitoloñe amy
kibohom-pamantañañey. 4 Zao ty ho fitoloña' o ana' i Kehàteo amy kibohom-
pamantañañeio amo miava-do'eo: 5 Naho hionjoñe i tobey, le homb'eo t'i Aharone
naho o ana'eo hanjetse i lamba fañefetsey, hanaroña'e i vatam-pañinay 6 naho ho
rakofa' iareo holin-trozofisoitse naho ho lamahe' iereo lamba manga ki'e ty ambone'e
vaho hatsorofo' iareo ama'e o bao'eo. 7 Ho lamahe' iereo lamba manga i rairai'
i mofom-piatrefañey, le hapoke ama'e o fanakeo naho o sadròo naho o soakazoo,
o fitovy fañiliñañeo; hidoñe ama'e avao i mofo tsi-modoy. 8 Hilafiha' iareo lamba
mena mañabara vaho hirakofa' iareo holin-trozofisoitse; le hatsorofo' iareo ama'e
o bao'eo. 9 Ho rambese' iareo ty lamba manga hanaroñañe i fitàn-jiron-kazavàñey,
naho i jiro'e rey, o fiharatan-tsokotsoko'eo, o sadrom-baen' afo'eo, naho o fitavona-
menake famahanañ' azeo. 10 Le haholonkolo' iereo an-kolin-trozofisoitse ie naho o
harao'e iabio, vaho hasampe ambone o bao-pitarazoañeo. 11 Ho lamahe' iareo lamba
manga ka i kitrely volamenay naho ho rakofañe holin-trozofisoitse vaho hatsorofotse
ama'e o bao'eo. 12 Ho rambese' iareo ze hene harao-pitoloñañe, o fitoloña' iareo amy
miavakeio, le ho kolopofañe añate lamba manga naho ho rakofañe holi-trozofisoitse
vaho hajò ambone' o bao fitarazoañeo. 13 Haveve' iareo añe o lavenok' amy kitreliio
vaho handamiha' iareo lamba malo-mavo. 14 Hapo' iereo ambone'e ze hene haraotse
fitoloña' iareo ama'e: o endraendrao, o fitsipokeo, o sadròo, o fitovio, naho o hene
harao' i kitreliio: le ho rakofa' iareo holi-trozofisoitse, vaho hatsorofotse ama'e o
bao'eo. 15 Aa ie nihenefa' i Aharone naho o ana'eo ty fandrakofañe o fanake miavakeo
naho o finga miavake iabio, naho fa hionjoñe mb'eo i tobey le homb'eo o ana-dahi' i
Kehàteo hitarazo o rahao; fe tsy ho tsapae' iereo o raha miavakeo tsy mone hivetrake.
Irezay ro enta' o ana' i Kehàteo an-kibohom-pamantañañe ao.
16 Nafantok' amy Elazare ana' i Aharone mpisoroñe ty mena' i jiroy, naho i emboke
mañitsey, naho i enga-mahakama boak' àndroy, naho i mena-pañorizañey; aze ka ty
lily amy kivohoy, ze am-po'e ao iaby, naho amy toe-miavakey rekets' o hene fana'eo.
17 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè naho i Aharone, 18 Asoao tsy haitoañe
amo nte-Levio ty fifokoa' o hasavereña' o nte-Kehàteoo. 19 Zao ty hanoe' areo ty
am' iereo soa te ho veloñe fa tsy hivetrake naho harinea' iareo o raha miavakeo:

* **3:47** sekele raike = 10 grama

Homb’eo t’i Aharone naho o ana’eo vaho ho tendrè’ iareo songa ami’ty fitoroña’e
naho ty kilanka’e. 20 Fe tsy hizilik’ ao o nte-Kehàteo hisamba ty fandrakofañe o raha
miavakeo tsy mone hihomake.

### *O nte-Geresone naho nte-Merario*

21 Le hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 22 volilio ka o ana’ i Geresoneo
ami’ty anjomban-droae’e naho o hasavereña’eo; 23 ie telopolo taoñe mañambone
pake limampolo taoñe ty añiaha’o, ze hizilike hitoroñe, hitoloñe amy kibohom-
pamantañañey ao. 24 Zao ty fitoloña’ o hasavereña’ i Geresoneo ami’ty fi-
toroñañe naho fijinian-kilankañe. 25 Hendese’ iereo o lamba fañefe’ i kibohom-
pamantañañeio rekets’ i rako’ey, naho i rako’e holin-trozofisoitse ambone’ey, naho ty
lamba fañefe’ i lalan-kibohom-pamantañañey, 26 le o lamba miradorado an-kiririsao
naho o lamba fañefe’ i lalam-bein-kiririsaio, i miarikatoke i kivohoy naho i kitreliiy
naho o tali’eo naho ze hene haraom-pitoloña’ iareo vaho ze raha mioza amy rezay;
zay ty ho fitoroña’e. 27 Am-palie’ i Aharone naho o ana’eo ze hene fitoroña’ o ana’
i Geresoneo, amy kilanka’ iareo iabiy naho amo fitoloña’ iareo iabio, vaho hene
hitendrea’ areo o fitoloña’iareoo naho o kilanka’ iareoo. 28 Ie ro fitoroña’ o nte-
Geresoneo amy kibohom-pamantañañey, le ambanem-pità’ Itamare ana’ i Aharone
mpisoroñe ty fitoloña’ iareo.

29 Aa ty amo ana-dahi’ i Merario, le ho volilie’o iereo amo hasavereña’eo naho
o anjomban-droae’eo; 30 ze telopolo taoñe mañambone pake limampolo taoñe ty
hañiaha’o, ze hizilike amy fitoroñañey hifanehak’ amy kibohom-pamantañañey.
31 Le inao ty hafantok’ am’ iereo ho kilanka’ iareo amy fitoroña’ iareo i kibohom-
pamantañañeiy: o varamba i kivohoio naho o saka’eo, o anakòre’eo naho o vave’eo
32 naho o anakòreñe miarikatoke i kiririsaio rekets’ o vave’eo, o tsato’eo naho o
tali’eo naho o hene harao’eo vaho ze harao-pitoloña’e iaby, le ho tolora’o ami’ty
tahina’ ondaty ty anjara kilanka’e. 33 Ie ro fitoroña’ o nte-Merario amy kibohom-
pamantañañey; ambanem-pità’ Itamare ana’ i Aharone mpisoroñey ty fitoloña’
iareo.

### *Famoliliañe o nte-Levio*

34 Aa le vinolili’ i Mosè naho i Aharone vaho o talèm-balobohòkeo o nte-
Kehàteo, an-kasavereñañe naho añ’anjomban-droae, 35 mifototse amo telopolo
taoñeo pak’ amo limam-polo taoñeo, ze mizilik’ am-pitoroñañe ao, am-pitoloñañe
amy kibohom-pamantañañey, 36 le ro’arivo-tsi-fiton-jato-tsi-limampolo o niaheñe
amo hasavereña’eoo. 37 Ie ro niaheñe amo hasavereña’ o nte-Kehàteo, o mpitoroñe
amy kibohom-pamantañañeio ze nivolilie’ i Mosè naho i Aharone ami’ty lili’ IEHOVÀ
am-pità’ i Mosè.

38 Aa ty nivolilieñe o nte-Geresoneo, amo hasavereña’e naho anjomban-droae’eo,
39 mifototse amy ze telopolo taoñe mañambone pak’ amy ze limampolo taoñe, o
hizilik’ am-pitoroñañe i kibohom-pamantañañeio— 40 o niaheñe amo hasavereña’eo
naho amo anjomban-droae’eoo le ro’arivo-tsi-enen-jato-tsi-telopolo. 41 Ie ro niaheñe
amo nte-Geresoneo amo hasavereña’eo, ze mitoroñe an-kibohom-pamantañañe ao;
o nivolilie’ i Mosè naho i Aharone ami’ty lili’ IEHOVÀo.

42 Le o nivolilieñe an-kasavereña’ o nte-Merario ty amo hasavereña’eo naho
o anjomban-droae’eo, 43 ie telopolo taoñe am-para’ te limampolo taoñe ze
mizilik’ am-pitoroñañe hitoloñe an-kibohom-pamantañañe ao— 44 o niaheñe amo
hasavereña’eoo le ni-telo-arivo-tsi-roan-jato. 45 Ie ro niaheñe amo hasavereña’ o nte-
Merario, ze nivolilie’ i Mosè naho i Aharone ami’ty lili’ IEHOVÀ am-pità’ i Mosè.

46 Ze niaheñe amo nte-Levio, o nivolilie’ i Mosè naho i Aharone naho o talè’ Israeleo
amo hasavereña’eo naho o anjomban-droae’eo, 47 amo telopolo taoñeo pak’ amo
limampolo taoñeo, ze mizilik’ ao mifanehak’ am-pitoloñañe naho am-pitarazoañe

kilankañe amy kibohom-pamantañañey ao; [48] valo-arivo-tsi-liman-jato-tsi-valompolo
ty niaheñe [49] ami'ty lili' IEHOVÀ am-pità' i Mosè ty nanendreañe iareo, songa am-
pitoroña'e naho an-kilanka'e; vinolily ami'ty nandilia' IEHOVÀ i Mosè.

# 5

### *Ondaty Tsy Malio*
### *Sor 15.1-33*

[1] Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [2] Lilio o ana' Israeleo te hasese alafe' i tobey
ze angamae, naho ze mañaka-dranoke vaho ze nileora' ty havilasy; [3] sambe hasese
ze lahilahy ndra ampela; alafe' i tobey ty hampipohañe iareo, tsy handeotse ty tobe'
iareo, zaho mpimoneñe añivo'e ao. [4] Aa le nanoe' o ana' Israeleo zay, ie nasese alafe'
i tobey ey; amy nandilia' IEHOVÀ i Mosèy ty nanoe' o ana'Israeleo.

### *Soloho naho Avake*

[5] Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè, [6] Misaontsia amo ana' Israeleo: Naho eo ty
lahilahy ndra ampela manao ze atao fandilara' ondaty, am-pijeharañe am' IEHOVÀ,
mampanan-tahiñe indatiy; [7] le hisolohoa'e i hakeo nanoe'e, naho ho henefa'e avake
i tahi'ey naho ho tovoña'e ty ampaha-lime'e vaho hatolo'e amy nandilara'ey. [8] Aa
naho tsy aman-dongo hañavahañe i sata ratiy indatiy, le hengae'e am' IEHOVÀ ho a
i mpisoroñey ty ava' i hakeoy ho tovo' i añondrilahi-pañeferañey hañeferañe aze.
[9] Ho aze ka o engan-kavoañe atoka' o ana' Israeleoo, ze atolo' iareo amy mpisoroñey.
[10] Aze ze hene engae' ondatio, ze atolo' ondaty amy mpisoroñey ro aze.

### *Ke Nifotetse ami'ty Vali'e*

[11] Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [12] Saontsio amo ana' Israeleo ty hoe: ie
mandifike ty tañanjomba' ondaty naho mitomaly ama'e, [13] naho iolora' ondaty, ie
nietak' am-pihaino' i vali'ey, naho tsy nionin-dre ke te nandeo-batañ' an-kafitse, vaho
tsy vinamba, tsy tsinepake te nanoe'e; [14] f'ie angara' ty famarahiañe, naho farahie'e i
vali'e nandeo-batañey, he t'ie nangara' ty famarahiañe, le farahie'e ty tañanjomba'e
tsy nandeo-batañe; [15] le hasese' indatiy mb' amy mpisoroñey mb'eo i tañanjomba'ey.
Hendese'e ka ty enga ty ama'e: ty bom-bare hordea fahafolo' ty efà; tsy hañiliña'e
menake ndra hamitseza'e emboke amy t'ie enga-mahakamam-pamarahiañe, enga-
paniahiañe, fampatiahian-kamengohañe.
[16] Le hampiharinè' i mpisoroñey i rakembay vaho hampiatrefe'e am' IEHOVÀ.
[17] Hendese' i mpisoroñey ty rano miavake am-pitovi-tane, le handrambesa'e debok'
an-tane' i kibohotsey vaho hafitse'e amy ranoy. [18] Le hajoha' i mpisoroney añatrefa'
IEHOVÀ i rakembay, le habala'e ty maroi'e, le hapo'e an-taña' i rakembay i engam-
pitiahiañey, i enga-mahakama-pamarahiañey, ie am-pità' i mpisoroñey i rano
mafaitse minday fàtsey. [19] Le hampifantà' i mpisoroñey i rakembay, ami'ty hoe,
Naho tsy niharo tihy ama' ondaty rehe, naho tsy nivio mb'an-kaleorañe, ie fehè'
i vali'oy, le mihahà ami'ty rano mafaitse minday fatse toy. [20] F'ie mone nandrike
ambane' ty lilim-bali'o, nandeo-batañe, amy te nahazoan-dro-pilahiañe ty 'ndaty tsy
vali'o. [21] Ie amy zao hampititihe' i mpisoroñey am-patse i rakembay: Le hanao ty
hoe amy rakembay i mpisoroñey: Hanoe' IEHOVÀ titse naho fatse am' ondati'oo, le
ampivorohe' IEHOVÀ ty vania'o vaho hampientare'e ty tro'o, [22] ami'ty rano minday i
fatsey toy, ie hijoñe an-kovi'o ao hampivoroke ty vania naho hampienatse ty troke.
Le hanao ty hoe i rakembay: Amena, Ie zay.
[23] Le ho sokire' i mpisoroñey am-boke peleke ao i fatsey vaho ho faopaohe'e amy
rano mafaitsey ao. [24] Le hampinome'e i rakembay i rano mafaitse minday fatsey le
hafaitse ama'e i rano minday fatse migologodrañ' aoy. [25] Le ho rambese' i mpisoroñey
am-pità'e amy zao i engam-pamarahiañey, naho hahelahela'e añatrefa' IEHOVÀ, vaho

hasese'e mb'amy kitreliy mb'eo; 26 le handrambesa' i mpisoroñey ty mahàtsa-pitàñe
ho enga-tiahy, le hampañatoe'e amy kitreliy, heneke zay le hampikamae'e i rakembay
i ranoy. 27 Ie nampikamaeñe i ranoy, le ho tendreke, naho toe nandeo-batañe naho
nivalik' amy vali'ey, te hafaitse i rano minday fatse nigodrañe ama'ey, naho hienatse
i fisafoa'ey naho ho voroke i vania'ey vaho ho injè' ondati'eo i rakembay. 28 Fe naho
tsy nandeo-batañe i rakembay naho malio, le ho votsotse vaho hiaren-tiry.

29 Zay ty fetsem-pamarahiañe, ie zehare' ty tañanjomba'e ty lilim-bali'e vaho mivio
mb'am-pandeorañe, 30 hera añangara' ty famarahiañe t'indaty naho farahie'e ty
tañanjomba'e; le hampijohañe'e añatrefa' Iehovà vaho hanoe' i mpisoroñey ama'e
o hene Hake zao. 31 Le halio tahiñe indatiy, fe hivave hakeo i rakembay.

# 6

*O Nazireo*

1 Hoe ty nitsara' Iehovà amy Mosè: 2 Misaontsia amo ana'Israeleo le ano ty hoe:
Naho mitangèñe, manao ty fanta' o Nazireo, ndra ty lahilahy ndra ampela, hiambake
ho am' Iehovà, 3 le hifoneña'e ty divay naho ze rano mahery; tsy hikama vinegran-
divay ndra vinegran-toake, vaho tsy ho kamae'e ty ranom-baloboke, ndra ty voam-
baloboke ke te mandrano he maike. 4 Tsy ho kamae'e ndra inoñe boak' ami'ty vahem-
baloboke ndra o àta'eo ndra o holi'eo amo hene andro maha Nazire azeo.
5 Amo hene andro maha Nazire azeo, tsy hiozam-piharatse i añambone'ey; ampara'
te heneke o andro niambaha'e ho a Iehovào; hiavake re; le henga'e hitombo avao o
ori-maroin'añambone'eo.
6 Tsy hiharine lolo re amy ze hene andro hiambaha'e ho a' Iehovà. 7 Tsy handeo-
batan-dre ndra aman-drae'e ndra rene'e, ndra aman-drahalahi'e ndra rahavave'e t'ie
mihomake, amy te añambone'e eo ty fiambaha'e ho aman' Añahare. 8 Hiavake am'
Iehovà re amo hene andro fiambaha'eo.
9 Ie mitojeha te mihomake marine aze t'indaty, naho leore'e i añambone'e
norizañey, le ho harate'e i añambone'ey ami'ty andro fañeferañe aze; hiharata'e
ami'ty andro fahafito'e. 10 Amy andro fahavaloy re ro handay deho roe ndra ana-
boromahilala roe mb'amy mpisoroñe an-dalan-kibohom-pamantañañey mb'eo, 11 le
ho hentseñe' i mpisoroñey ty raike ho engan-kakeo, le hisoroña'e ty raike ho amy
nandilatse amy fateiy, vaho havahe'e amy àndroy ty añambone'e. 12 Havì'e am'
Iehovà o andro fiambaha'eo vaho ho banabanae'e ty vik' añondrilahy engan-dilatse;
fe ho modo o andro taoloo kanao nileoreñe i fiambaha'ey.

13 Inao ty fetse' o Nazireo: Ie heneke o andro fiambaha'eo le hasese mb'an-dalan-
kibohom-pamantañam-beo, 14 le ho banabanae'e am' Iehovà o enga'eo: ty vik'
añondrilahy tsy aman-kandra hisoroñañe naho ty vik' añondri-vave tsy aman-kila
ho engan-kakeo, naho ty añondrilahy tsy aman-kandra ho engan-kanintsiñe, 15 naho
mofo po-dalivay an-karoñe, mofo vonga'e ami'ty mona linaro menake, naho mofo
pisake nihosorañe menake, naho o enga-mahakama'eo vaho o enga-rano'eo. 16 Le
hasese' i mpisoroñey añatrefa' Iehovà zay vaho hengae'e i engan-kakeoy naho i
enga hisoroñañey, 17 le hengae'e ho engam-pañanintsiñe am' Iehovà i añondrilahiy
miharo amy haro-mofo po-dalivaiy; hengae' i mpisoroñey ka i enga-mahakama'ey
naho i enga-rano'ey. 18 Le ho harate' i Nazirey an-dalan-kibohom-pamantañañ'
ao i añambone'e norizañey le ho rambese'e o maroi'eo vaho hapo'e amy afo
ambane' i soron-kanintsiñeiy. 19 Le ho rambese' i mpisoroñey ty soro' i añondrilahy
nahandroeñey naho ty vonga mofo po-dalivay raike naho ty mofo pisake po-dalivay
boak' amy haroñey vaho hatolo'e am-pità' i Nazirey, ie fa niharate'e i añambone'e
norizañey, 20 le hahelahela' i mpisoroñey irezay ho enga-kelahela añatrefa' Iehovà;

ie avaheñe ho a i mpisoroñey, mitraok' ami'ty tratra' i engan-kelahelay naho ty tso'
i engan-kavoañey. Heneke zay le mete mikama divay i Nazirey.
21 Zay ty fetse' ty Nazire mifanta, ie mañenga am' IEHOVÀo amy ha-Nazire'ey,
ambone' ze satrie'e amy hanaña'ey; i nifanta'ey ro hanoe'e i lilim-piambaha'ey.

*Tatam-Pisoroñe*

22 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 23 Misaontsia amy Aharone naho o ana'eo le
ano ty hoe: Zao ty fitatà' areo o ana' Israeleo. Ano ty hoe am' iereo:
24 Hitahy azo t'IEHOVÀ,
naho hañaro azo;
25 Hampireandreàñe' IEHOVÀ ama'o ty vinta'e, naho hatarik' ama'o;
26 Hampiandrà' IEHOVÀ ama'o ty lahara'e vaho hampanintsiñe azo.
27 Zay ty hampipetaha'e amo ana' Israeleo ty añarako hitahiako iareo.

# 7

*Fañenga o Talèo*

1 Tamy andro nahafonira' i Mosè ty fampitroarañe i kivohoy, le noriza'e naho
nefera'e rekets' o harao'e iabio, naho i kitreliy vaho o harao'e iabio; ie fa noriza'e
naho neferañe 2 le nañenga ka o mpiaolo' Israeleo, o talèn' anjomban-droae'eo, o
mpiaolom-pifokoa'eo, o nijohañ' ambone' o niaheñeoo; 3 binanabana' iereo añatrefa'
IEHOVÀ o enga' iareoo, ty sarete milomboke eneñe naho katràka folo-ro' amby, ty
sarete raike boak' am-piaolo roe, naho songa ninday ty añombe vaho nengae' iereo
aolo' i kivohoy eo. 4 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 5 Rambeso am' iereo o raha
zao, hitoloñe am-pitoroñañe i kibohom-pamantañañey vaho atoloro amo nte-Levio,
songa ty amy fitoroña'ey. 6 Aa le rinambe' i Mosè i sarete rey naho i katraka rey
vaho natolo'e amo nte-Levio. 7 Natolo'e amo ana' i Geresoneo ty sarete roe naho
ty añombe efatse ty amo fitoroña' iareoo, 8 le natolo'e amo ana' i Merario ty sarete
efatse rekets' añombe valo ty amo fitoroña' iareo ambane' ty fehe' Itamare ana' i
Aharone mpisoroñeo. 9 Tsy nimea'e ka o ana' i Kehàteo, amy t'ie mpitoroñe amo
raha miavakeo, le tarazoeñe ty a iareo.
10 Nañenga amy fanokanañe i kitreliy i mpiaolo rey amy andro nañorizañ' azey,
binanabana' o mpiaoloo mb'aolo' i kitreliy mb'eo o enga' iareoo. 11 Le hoe t'IEHOVÀ
amy Mosè: Hengae' iareo, songa añ' andro'e o enga'eo amy fanokanañe i kitreliiy.
12 I Naksone ana' i Aminadabe talèm-pifokoa' Iehodà, ty nañenga i enga'ey ami'ty
andro valoha'e; 13 o nengae'eo: ty antova volafoty nilanja sekele zato-tsi-telo-polo
naho soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake songa pea ty mona
linaro menake ho enga-mahakama; 14 naho ty antova volamena folo sekele pea ty
emboke; 15 ty bania naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 16 ty
oselahy ho engan-kakeo; 17 ty añombe roe naho añondrilahy lime, oselahy lime,
vaho vik' añondrilahy lime ho engan-kanintsiñe. Zay ty nengae' i Naksone ana' i
Aminadabe.
18 Zao ty nengae' i Netanele, ana' i Tsoare, talè' ty fifokoa' Isakhare amy andro
faharoey: 19 nañenga ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty
soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toetse miavake, songa pea ty mona
linaro menake ho enga-mahakama; 20 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke;
21 ty bania naho ty añondrilahy naho vik'añondrilahy hisoroñañe 22 vaho ty vik' ose
ho engan-kakeo; 23 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty
oselahy lime vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Netanele ana' i Tsoare.
24 I Eliabe ana'i Kelone talèm-pifokoa' i Zebolone ty nañenga amy andro fahateloy:
25 nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty soakazo

volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro menake
ho enga-mahakama; 26 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 27 ty bania,
naho ty añondrilahy vaho vik'añondrilahy hisoroñañe; 28 vaho ty vik' ose ho engan-
kakeo; 29 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty oselahy
lime, vaho ty vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Eliabe ana' i Kelone.

30 I Elitsore ana' i Sedeore, talèm-pifokoa' i Reòbene ty nañenga amy andro
fah' efatsey: 31 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty
soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro
menake ho enga-mahakama; 32 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 33 ty
bania naho ty añondrilahy vaho vik'añondrilahy hisoroñañe; 34 vaho ty vik' ose
ho engan-kakeo; 35 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty
oselahy lime vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Elitsore ana' i Sedeore.

36 I Selomiele ana' i Tsorisadahy talè' ty fifokoa' i Simone ty nañenga amy andro
faha limey. 37 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty
soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro
menake ho enga-mahakama; 38 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 39 ty
bania, naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 40 vaho ty vik'ose
ho engan-kakeo; 41 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime,
ty oselahy lime vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Selomiele ana' i
Tsorisadahy.

42 I Eliasafe ana' i Dehoele talèm-pifokoa' i Gade ty nañenga amy andro fah'eneñey.
43 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty soakazo
volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro menake
ho enga-mahakama; 44 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 45 ty bania
naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 46 vaho ty vik' ose ho engan-
kakeo; 47 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty oselahy lime
vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Eliasafe ana' i Dehoele.

48 I Elisama ana' i Amihode talèm-pifokoa' i Efraime ty nañenga amy andro faha-
fitoy. 49 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty soakazo
volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro menake
ho enga-mahakama; 50 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 51 ty bania,
naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 52 vaho ty vik' ose ho engan-
kakeo; 53 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty oselahy lime
vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Elisama ana' i Amihode.

54 I Gamliele ana' i Pedatsore talè' ty fifokoa' i Menasè ty nañenga amy andro
fahavaloy. 55 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty
soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro
menake ho enga-mahakama; 56 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 57 ty
bania naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 58 vaho ty vik' osen'
engan-kakeo; 59 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe naho ty añondrilahy lime, ty
oselahy lime vaho vik' añondrilahy lime. Ie o nengae' i Gamliele ana' i Pedatsoreo.

60 I Abidane ana' i Gedoný talè' ty fifokoa' i Beniamène ty nañenga amy andro
fahasivey. 61 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty
soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro
menake ho enga-mahakama; 62 ty fanake volamena folo sekele, pea' ty emboke;
63 ty bania naho añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe 64 vaho ty vik'ose
ho engan-kakeo; 65 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty
oselahy lime vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Abidane ana' i Gedoný.

66 I Akièzere, ana'i Amisedahy talèm-pifokoa' i Dane ty nañenga amy andro faha-
foloy. 67 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty soakazo
volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro menake
ho enga-mahakama; 68 ty fanake volamena folo sekele, pea' ty emboke; 69 ty bania,
naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 70 vaho ty vik' ose ho engan-
kakeo; 71 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty oselahy lime
vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Akièzere, ana' i Amisedahy.
72 I Pejiele ana' i Okrane talè' ty fifokoa' i Asere ty nañenga amy andro folo-raik'
ambiy. 73 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty soakazo
volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro menake
ho enga-mahakama; 74 ty fanake volamena folo sekele, pea' ty emboke; 75 ty bania,
naho ty añondrilahy naho vik' añondrilahy hisoroñañe; 76 vaho ty vik'ose ho engan-
kakeo; 77 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty oselahy lime
vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae' i Pejiele ana' i Okrane.
78 I Akirà ana' i Ainane talè' ty fifokoa' i Naftaly ty nañenga amy andro faha folo-
roe-ambiy. 79 Nengae'e ty antova volafoty nilanja zato-tsi-telopolo sekele, naho ty
soakazo volafoty fitompolo sekele an-tsekelen-toe-miavake, songa pea ty mona linaro
menake ho enga-mahakama; 80 ty fanake volamena folo sekele, pea ty emboke; 81 ty
bania naho ty añondrilahy vaho vik' añondrilahy hisoroñañe; 82 vaho ty vik'ose
ho engan-kakeo; 83 le ho engan-kanintsiñe: ty añombe roe, ty añondrilahy lime, ty
oselahy lime vaho vik' añondrilahy lime. Zay ty nengae'i Akirà ana' i Ainane.
84 Zao ty engam-panokanañe i kitreliy boak' amo mpiaolo' Israeleo, tamy
nañorizañe azey: ty antova volafoty folo-ro'amby le soakazo folo-ro' amby le fanake
volamena folo-ro'amby. 85 Songa nilanja zato-tsi-telo-polo sekele i antova rey, sindre
fitom-polo sekele i soakazo rey, ty tontom-bolafoty amy fanake rey le ro'arivo-tsi-
efa-jato sekele an-tsekelen-toe-miavake; 86 i fanake volamena pea ty emboke folo-
ro' amby rey songa nilanja folo sekele an-tsekelen-toetse miavake, le zato-tsi-roapolo
sekele ty tontom-bolamena amy fanake rey; 87 le nitonto ho bania folo-ro' amby i
añombe nengaen-kisoroñañe rey, le folo-ro' amby i añondrilahy rey, le folo-ro' amby
ty vik' añondrilahy naho o enga-mahakama'eo vaho folo-ro'amby ty vik'ose nanoeñe
engan-kakeo. 88 Roapolo-efats' amby ty tontoñan' añombelahy nengaen-ko soron-
kanintsiñe, enem-polo ty añondrilahy, enem-polo ty oselahy vaho enem-polo ty vik'
añondry. Zay o engam-panokanañe i kitreliio, ie orizañe.
89 Aa naho nizilik' amy kibohom-pamantañañey t'i Mosè hifanaontsia'e, le jinanji'e
i fiarañanañañe nitsara ama'e boak' ambone' i toem-pijebañañe mikapeke i vatam-
pañinay añivo' i kerobe roe reiy; zay ty fitsara'e ama'e.

# 8

*I Jiro Fito Rey*
*Avo. 25.31-40*

1 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 2 Saontsio amy Aharone vaho ano ty hoe:
Ie hañajary o jiroo, le ampañazavao mb'aolo mb'eo i fitàn-jiroy i jiro fito rey. 3 Le
nanoe' i Aharone zay; nalaha'e i jiro rey hañazava'e mañaolo i fitàn-jiroy ty amy
nandilia' IEHOVÀ i Mosè. 4 Inao ty nanoeñe i fitàn-jiroy: volamena pinepeke i taho'ey
pak' amboñe'e eo; toe satam-pipepehañe, ty amy sare natoro' IEHOVÀ amy Mosèy,
zay ty nanoe'e i fitàn-jiroy.

*Ty Fañorizañe o nte-Levio*

5 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 6 Aviho amo ana' Israeleo o nte-Levio
vaho efero. 7 Zao ty hañefera'o iareo: amitsezo am' iereo ty ranon' enga-kakeo,

le ampiozàñem-piharatse ty fañòva' iareo iaby, naho ampanasao sikiñe vaho
ampiliovo. 8 Le ampangalao iareo ty bania rekets' i enga-mahakama'ey, i mona linaro
menakey, vaho ampangalao bania raike ho engan-kakeo. 9 Le aseseo mb' añatrefa' i
kibohom-pamantañañey mb'eo o nte-Levio vaho atontono ty valobohò' Israele; 10 Aa
naho fa navori'o añatrefa' IEHOVÀ o nte-Levio le hanampe fitàñe amo nte-Levio o ana'
Israeleo; 11 le hengae' i Aharone ho engan-kelahela am' IEHOVÀ o nte-Levy boak' amo
ana' Israeleoo hitoroñe IEHOVÀ. 12 Le hanampeza' o nte-Levio fitàñe i bania rey, naho
hengae'o ho engan-kakeo ty raike vaho ho soroñañe am' IEHOVÀ ty raike, hañefera'o
o nte-Levio. 13 Aa le ajohaño añatrefa' i Aharone naho o ana'eo o nte-Levio vaho
engao am' IEHOVÀ ho engan-kelahela.

14 Zay ty hañambaha'o amo ana' Israeleo o nte-Levio le ho ahiko o nte-Levio.
15 Henane zay, himoake hitoroñe amy kibohom-pamantañañey o nte-Levio, ie fa
neferañe naho nengaeñe ho engan-kelahela. 16 Songa natolotse ahiko boak' amo
ana' Israeleo; fa rinambeko ho amako ho solo' ze hene manoka-koviñe; ze fonga
tañoloñoloñan' ana' Israele. 17 Toe anjarako ze hene valohan' ana' o ana' Israeleo,
ondaty naho hare; tamy andro nipaohako ze fonga valohan' ana' i Mitsraimey ty
nañambahako iareo ho ahy. 18 Le rinambeko ho soloe' o nte-Levio o tañoloñoloñan'
ana' Israeleo; 19 vaho natoloko amy Aharone naho amo ana'eo aivo o ana' Israeleo
ho ravoravo o nte-Levio, hitoloñe ami'ty fitoloña' o ana' Israeleo amy kibohom-
pamantañañey, naho hañefetse o ana' Israeleo tsy mone hiboak' amo ana' Israeleo
ty angorosy naho harinea' o ana' Israeleo i efe-miavakey.

20 Zay ty nanoe' i Mosè naho i Aharone vaho ty valobohò' Israele amo nte-Levio;
ze hene nandilia' IEHOVÀ i Mosè ty amo nte-Levio ty nanoe' o ana' Israeleo. 21 Le
nañalio vatañe o nte-Levio naho nanasa' o siki'eo iareo, naho nengae' i Aharone am'
IEHOVÀ ho ravoravo miavake, vaho nefera' i Aharone hañaliova'e iareo. 22 Ie henane
zay nimoak' an-kibohom-pamantañañe ao o nte-Levio hitoloñe añatrefa' i Aharone
naho o ana'eo; i nandilia' IEHOVÀ amy Mosè ty amo nte-Levio ty nanoañe am'iareo.

23 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 24 Inao ty amo nte-Levio: ie roapolo-
taoñe lim' amby mañambone ro hizilike hitoloñe an-kibohom-pamantañañe ao; 25 ie
limampolo taoñe ro hitroatse amo fitoroña'eo, le tsy hitoloñe ao ka. 26 F'ie mete
hañimba o rahalahi'eo an-kibohom-pamantañañe ao, hisary o tolon-draha'eo fa tsy
hitromake. Zay ty hanoe'o amo nte-Levio amo fitoloña'eo.

# 9

*Ty Fihelañ'Ambone e Sinay Añe*
*Avo.12.1-20*

1 Nitsara amy Mosè t'IEHOVÀ an-dratraratra' i Sinay añe ami'ty volam-balohan-
taom-paharoe' fienga' iareo an-tane Mitsraime, ami'ty hoe: 2 Hambena' o ana'
Israeleo i Fihelañey amy namotoañañe azey, 3 ami'ty andro faha-folo-efats' ambi' ty
volañe toy naho hariva ty hambena' areo aze amy namantañañe azey; o fañè'e iabio
naho ze hene fepe'e ty hambena' areo. 4 Aa le sinaontsi' i Mosè amo ana' Israeleo ty
hiambeñe i Fihelañey. 5 Le nambena' iareo te folakandro-miroñe amy andro faha-
folo-efats' ambi' i volam-baloha'ey am-patrambei' i Sinay i Fihelañey; amy nandilia'
IEHOVÀ i Mosèy ty nanoe' o ana' Israeleo. 6 Ie amy zao teo t'indaty nandeo-batañe
ami' ty lolo vaho tsy nete niatreke i Fihelañey amy andro zay; aa le nimb' amy Mosè
naho i Aharone amy àndroy, 7 le nanoe' indaty rey ty hoe, Maleotse ami'ty fate'
ondaty zahay. Aa vaho ho sebañeñe tsy hitraok' amo ana' Israeleo hibanabana i
enga' IEHOVÀy amy namantañañe azey hao? 8 Le hoe t'i Mosè am' iereo, Mahaliñisa
heike hitsanoñako ty ho lilie' IEHOVÀ ty ama' areo.

9 Le hoe t’Iehovà amy Mosè, 10 Misaontsia amo ana’ Israeleo, ty hoe: Ndra
iaia t’indaty ama’ areo ndra amo tarira’ areoo maleotse ami’ty lolo, ndra t’ie am-
pitaveañañe añe, le mbe hambena’e i Fihelañ’Ambone’ Iehovày; 11 ami’ty andro
miroñe’ i faha-folo-efats’ ambi’ i volam-paharoey ty hañambena’e aze. Ho kamae’
iareo ama’e ty mofo po-dalivay mitraok’ aña-mafaitse. 12 Ie tsy hanisa ami’ty
maraiñe, le tsy ho pozaheñe o taola’eo. Amo fañè’ i Fihelañey iabio ty hañambena’
iareo aze. 13 Fe t’indaty malio, tsy am-pañaveloañe añe, ie ado’e i Fihelañey tsy
ambena’e; toe haitoeñe am’ondati’eo indatiy, amy t’ie tsy nibanabana i enga’ Iehovày
amy namantañañe azey; ho vavè’ indatiy ty hakeo’e. 14 Aa naho mañialo ama’ areo
ao ty ambahiny, ie te hañambeñe i Fihelañe am’ Iehovày, le i fañèm-Pèsakey naho
o fepè’eo ty anoañe aze, ho raike ty fañè’ areo naho ty amy ambahiniy vaho ty amy
nisamak’ amy taney.

### *I Rahoñey naho i Afoy*
*Avo. 13.21-22; 40.34-38*

15 Amy andro nampitroareñe i kivohoiy le nakopo’ i rahoñey i kivohoy, i kibohom-
pañinay; amy harivay pak’ ami’ ty maraiñe, ie ambone’ i kivohoy hoe afo. 16 Zay
ty nilili’e: nikolopofe’ i rahoñey te antoandro vaho nihoe afo te haleñe. 17 Naho
nonjoneñe tsy ho ambone’ i kivohoy i rahoñey, le nionjomb’eo o ana’ Israeleo; Aa
naho nitsangañe i rahoñey le nitobe eo o ana’ Israeleo. 18 Nandily t’Iehovà, le nienga
o ana’ Israeleo, le nandily t’Iehovà vaho nitobe iereo; naho nijohañe ambone’ i
kivohoy i rahoñey, le mbe nitobe eo avao. 19 Ndra te nitolom-pijohañe ambone’ i
kivohoy andro maro i rahoñey le nambena’ o ana’ Israeleo ty hatoro’ Iehovà, vaho
tsy nañavelo. 20 Ie amy zay, he nipetake ambone’ i kivohoy andro tsy ampeampe i
rahoñey, le ami’ty lili’ Iehovà, nijohañe amy tobey iareo, vaho ami’ty lili’ Iehovà,
nañavelo. 21 Teo i rahoñey te nitoboke hariva pak’ ami’ty maraiñe, naho nionjoñe i
rahoñey le nienga iereo, ke te tambatse ey andro raike naho haleñe raike i rahoñey
vaho nionjoñe, le nienga iereo. 22 Ke roe andro, he volañe raike, kera taoñe raike
ty nijohaña’ i rahoñey ambone’ i kivohoy, le nitolon-kitobe ey avao o ana’ Israeleo,
tsy nañavelo; ie naonjoñe, vaho nañavelo. 23 Am-palie’ Iehovà, le nitobe iereo, vaho
am-palie’ Iehovà, nañavelo iereo; nambena’ iareo ze nafanto’ Iehovà, ze nitsarae’
Iehovà am-pità’ i Mosèy.

## 10

### *Antsiva Volafoty*

1 Hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè: 2 Tseneo trompetra volafoty roe am-
pipepèhañe; hanontonañe i valobohokey naho hikoihañe ty fiavotañe amy tobey.
3 Ie tiofeñe in-droe le fonga hifanontoñe ama’o an-dalan-kibohom-pamantañañe eo
i valobohòkey. 4 F’ie tiofeñe in-draike, le o mpiaoloo, o talèm-pifokoa’ Israeleo,
ty hiropak’ ama’o. 5 Ie itiofan-koike le hiavotse o mpitobe atiñanañe eio. 6 Ie
tiofen-koike fañindroe’e le o mpitobe atimoo ro hienga; mionjoñe iereo te itiofan-
koike. 7 Naho hatontoñe i valobohòkey, le mitiofa fe tsy an-koike. 8 O ana’ i
Aharoneo, o mpisoroñeo, ro hitioke i trompetray; ho fañè’ areo hanitsike o hene
tarira’ areo mifandimbeo. 9 Ie mionjoñe mb’ añ’aly an-tane’ areo ao mb’ ami’ty
rafelahy mañembetse anahareo, le hitiofan-koike amo trompetrao, vaho ho tiahy
añatrefa’ Iehovà Andriananañahare’ areo vaho ho rombaheñe amo rafelahi’areoo. 10 Ie
amo andro firebeha’ areoo, naho amo andro nifantañeñeo, naho amo jiri-bolañeo le
ho tiofe’ areo ambone’ o fisoroña’ areoo naho ambone’ o engam-pañanintsi’ areoo o
trompetrao, ho faniahiañe anahareo añatrefan’ Andriananañahare’ areo.

Zaho Iehovà Andriananañahare’ areo.

*Mienga' i Sinay*

11 Ie amy andro faha roapolo' ty volam-paharoe' i taom-paharoeiy, le naonjoñe
ambone' i kibohom-pañinay i rahoñey. 12 Le nionjom-beo an-kifange'e o ana'
Israeleo, nienga i fatram-bei' i Sinaiy vaho nitsangañe am-patrambei' i Parane eo
i rahoñey. 13 Zay ty fienga' iareo valoha'e ami'ty nandilia' IEHOVÀ am-pità' i Mosè.
14 Ty sain-tobe' Iehodà ty niavotse valoha'e, an-ki-lia' ki-lian-dahin-defoñe, talè' i
firimboñan-dahindefo'ey t'i Nakesone ana' i Aminadabe, 15 naho talè' i firimboñan-
dahin-defom-pifokoa' o ana' Isakhareoy t'i Netanele ana' i Tsoare, 16 vaho talè' o
lahindefom-pifokoa' o nte-Zeboloneo t'i Eliabe ana' i Kelone.
17 Nazotso amy zao i kivohoy vaho nionjoñe o ana' i Geresoneo naho o ana' i
Merario, ninday i kivohoy. 18 Nionjom-beo ka ty sain-tobe' i Reòbene, naho nitalèm-
pirimboñam-pifokoa'e t'i Elitsore ana' i Sedeore, ty amo lian-dahin-defo'eo, 19 naho
talè' o lahindefom-pifokoan' ana' i Simoneo t'i Selomiele ana' i Tsorisadahy, 20 vaho
talè' o lahindefom-pifokoan' ana' i Gadeo t'i Eliasafe ana' i Rehoele.
21 Nionjoñe amy zao o nte-Kehàteo ninday o raha miavakeo, fa naoreñe aolo' ty
fiavi' iareo i kivohoy. 22 Nionjoñe amy zao ty sain-tobe' o ana' i Efraimeo ty amo lian-
dahin-defo'eo, i Elisama ana'i Amihode ty talèm-pirimboña'e, 23 naho talèn-dahin-
defom-pifokoan' ana' i Menase t'i Gamliele ana' i Pedatsore, 24 vaho talèn-dahin-
defom-pifokoa' o nte-Beniamèneo t'i Abidane ana' i Gedoný.
25 Nionjoñe ami'ty naha-mpivoli' i tobey ty sain-tobe' o ana' i Daneo ty amo lian-
dahin-defo'eo; talè' i firimboña'ey t'i Akièzere, ana' i Amisedahy, 26 naho talèn-dahin-
defom-pifokoan' ana' i Asere t'i Pejiele ana' i Okrane, 27 vaho talèn-dahin-defom-
pifokoan' ana' i Naftaly t'i Akirà ana' i Ainane. 28 Zay ty nionjona' o ana' Israeleo, ty
amo lia-rain-dahin-defo'eo—ie nionjoñe.
29 Le hoe t'i Mosè amy Kobabe ana' i Reoele nte-Midiane, rafoza' i Mosè, Mionjoñe
mb'an-tane' nitsarae' IEHOVÀ ty hoe: Hatoloko azo. Mindreza ama'ay, le hanoe'ay
soa; amy te nitsara soa ho am' Israele t'IEHOVÀ. 30 Le hoe ty natoi'e, Tsy homb'eo
raho, fa hienga mb'an-taneko naho mb'an-drolongoko añe. 31 Aa hoe re, Miambane
ama'o, ko mienga kanao fohi'o te hitobe ampatrambey añe vaho ho solom-pihaino'ay
rehe. 32 Ie amy zao, naho indreza'o lia, le ze hasoa hanoe' IEHOVÀ ama'ay ro hanoe'ay
ama'o.
33 Aa le nenga' iareo telo andro ty vohi' IEHOVÀ le niaolo iareo telo andro ty
vatam-pañina' IEHOVÀ hipay fitobeañe. 34 Tambone' iereo ey i raho' IEHOVÀy amy
antoandro niengà' iereo i tobeiy. 35 Aa ndra mbia' mbia ty nionjona' i vatam-pañinay
le niongake t'i Mosè nanao ty ti-hoe: Miongaha, ry IEHOVÀ, abaibaio o rafelahi'oo
vaho ampitribaho an-day añatrefa'o o malaiñe Azoo. 36 Ie nitsangañe, le ty hoe ka
ty nanoe'e: Mimpolia ry IEHOVÀ amo alealem-pifokoa' Israeleo.

# 11

*Mitoreo an-Dratraratra ao*

1 Ie añe, le niñeoñeoñe hoe mpitoreo an-kasotriañe, an-dravembia' IEHOVÀ
ondatio, aa ie jinanji' IEHOVÀ, le niviañe ty haviñera'e, naho nisolebotse am' iareo ty
afo' IEHOVÀ, namorototo ty añ' olo' i tobey. 2 Aa le nikaikaik' amy Mosè ondatio naho
nihalaly am' IEHOVÀ t'i Mosè vaho nakipeke i afoy. 3 Aa le natao'e ty hoe Taberà* i
taney amy te niforehetse am'iareo ty afo' IEHOVÀ.
4 Teo te nivariñe an-kasijý o piaroteñe am'iareoo; mbore nibabababa ka o ana'
Israeleo ami'ty hoe: Ia ty hanjotso hena ama'ay? 5 Tiahi'ay o fiañe nikamae'ay tsy
amam-bili'e e Mitsraime añeo naho ty kiseny, ty vazavo, ty foti-voly, ty tangolo vaho

* **11:3** taberà: miforehetse

o tangolo-laio; 6 fe mifoezapoezake henaneo; tsy ino ty aolom-pihaino'ay, naho tsy ty
màne tiañ' avao!
7 Nanahake voan' ahepoty i maney fe nimena hoe vañemba. 8 Namory aze mbeo'
mbeo ondatio, le ke dinemodemo'e am-bato fandisañañe, he nilisane'e an-deoñe,
naho nahandroeñe am-balàñe vaho namboareñe mofo-vonga'e; ty hafiri'e le hoe
mofo natoñak' ami'ty menake. 9 Nivotrak' amy tobey ty zono te haleñe le nindre
nihintsañe ama'e i maney.
10 Ie jinanji' i Mosè ty fangoihoi' ondatio, nanitsike o hasavereña'eo, songa lahilahy
an-dalan-kiboho'e eo, le nisolebotse ty haviñera' Iehovà; toe niboseke ka t'i Mosè.
11 Aa le hoe t'i Mosè am' Iehovà, Ino ty nanotria'o i mpitoro'oy? Le manao akore
t'ie tsy nahaonim-pañisohañe am-pivazohoa'o, kanao nampijinia'o o kilanka' ondaty
iaby retiañe? 12 Zaho hao ty nampitsonkèreñe ondatio? Zaho hao ty rae' iareo,
kanao anoa'o ty hoe: Otroño añ'arañaʼo ao manahake ty fiotroña' ty mpiatrak' ajaja,
pak'an-tane nifanta'o aman-droae' iareo? 13 Aia ty hahatreavako hena hazotsoko am'
ondatio? Ami'ty fitoreova' iareo ty hoe, Meo hena ho kamae'ay! 14 Tsy leoko vavèñe
ondaty retia, zaho raike, fa loho mavesatse amako. 15 Aa naho zao ty anoa'o ahy le
ehe avetraho am-pañohofan-doza, naho toe nahatrea fañisohañe am-pivazohoa'o,
fa ko apo'o ho treako o faloviloviakoo!

## *Ty Roandriañe Fitompolo*

16 Aa le hoe t'Iehovà amy Mosè: Anontoño ondaty fitompolo amo roandria' Israeleo,
ze fohi'o te mpiaolo' ondatio naho mpameleke iareo; le ampihovao mb' an-kibohom-
pamantañam-beo, hitrao-pijohañe ama'o. 17 Le hizotso mb'eo raho hifanaontsy
ama'o, le handivako am' iereo i Arofo ama'oy vaho hitrao-pivave ama'o ondatio,
soa te tsy ihe avao ty hivave. 18 Le ano ty hoe amy màroy, Miefera vatañe ho ami'
ty hamaray, fa hikama hena amy niroveta' areo am-pijanjiña' Iehovà ami'ty hoe,
Ia ty hanjotso hena ama'ay? Ie nierañerañe' e Mitsraime añe. Aa le hanjotsoa'
Iehovà hena, vaho hikama nahareo. 19 Tsy indraik' andro ty hikama'areo, tsy roe
andro, tsy lime andro, tsy folo andro, tsy roapolo andro, 20 fa volañe raike, ampara'
te miakatse am-piantsona' areo vaho hampangorý anahareo, amy te nisirikae' areo
t'Iehovà añivo' areo ao, ie nangolololoike añatrefa'e ami'ty hoe, Ino ty niavotan-tika
amy Mitsraime? 21 Aa hoe t'i Mosè, Lahin-defo enen-ketse o mañariseho ahio; Ihe
manao amako ty hoe, Hanjotsoako hena hikama' iareo volañe raike. 22 Handentàñe
añondry naho añombe hao, hahatsake iareo? Ke hanontonañe ze hene fiañe an-
driak' ao? 23 Le hoe t'Iehovà amy Mosè, Nitomoreñe hao ty fità' Iehovà? Mbe ho
oni'o aniany ke ho tafetetse i rehakoy ke tsie.
24 Aa le niakatse añe t'i Mosè naho sinaontsi'e am' iereo i tsara' Iehovày, le
natonto'e t'indaty fitompolo amo roandria' ondatio vaho najado'e añariari' i kivohoy.
25 Le nizotso amy rahoñey t'Iehovà nangalak' amy Arofo ama'ey vaho natolo'e amy
roandriañe fitompolo rey; ie nivotraha' i Arofoy le nitoky, fe tsy ho nainai'e.
26 Toe mbe nitambatse an-tobe ao t'indaty roe ama'e: i Eldade ty tahina ty raike
naho i Medade ty tahina' ty raike, vaho nivotrak' am'iereo i Arofoy. Toe sinokitse
iereo fe tsy nañavelo mb' amy kivohoy mb'eo, fa nitoky an-tobe ao. 27 Le nihitrihitry
mb'amy Mosè mb'eo ty ajalahy nitalily ama'e ty hoe: Mitoky an-tobe ao t'i Eldade
naho i Medade. 28 Aa le hoe ty natoi' Iehosoa ana' i None, mpiamy Mosè ampara'
ty nahaajalahy aze: O talèko, rarao iereo! 29 Le hoe t'i Mosè ama'e, Mamarahy ahy
v-iheo? Ee te songa nimpitoky ondati' Iehovào, naho sindre nampivotraha' Iehovà i
Arofo'ey! 30 Aa le nimpoly mb'an-tobe mb'eo t'i Mosè naho o roandria' Israeleo.

## *O Hatrakatrakeo*

31 Aa le boak' am' Iehovà ty tioke ninday hatrakatrake hirik' an-driak' añe, le
nampipoha'e marine i tobey ie nahatakatse lia' andro raike mb'atia vaho lia'andro
raike mb'eroa añariari' i tobey; ni-roe kiho ambone' i taney varañe ty fitoabo'e.
32 Aa le nifanehak' amy àndroy naho amy haleñey naho amy loakandroy ondatio
nijohañe ey nanontoñe o hatrakatrakeo le ze nanontoñe tsy ampe mbe nahatsake folo
homere; vaho songa nandafike ty aze marine i tobey. 33 Fe mbe añivom-pamotsi'e
ao i henay ie mbe tsy nitotoe'e, le nisolebotse am' iereo ty haviñera' Iehovà vaho
pinao' Iehovà ami'ty angorosy loza. 34 Aa le natao'e †Kibrate Hata'avà i taney amy
te eo ty nandentehañe ondaty aman-kadrao. 35 Boake Kibrate Hata'avà ao ondatio ro
nangovovòke imb'e Katserote mb'eo vaho nitobe e Katserote añe.

# 12

*Farahi' i Aharone naho i Miriame*

1 Ie amy zao, nifosae' i Miriame naho i Aharone t'i Mosè ty amy nte-Kose nengae'ey;
ie nañenga ampela nte-Kose ho tañanjomba'e. 2 Le hoe iereo, I Mosè avao hao ty
nampitsara' Iehovà? Tsy itika ka hao ty nilañonà'e. Jinanji' Iehovà zay. 3 Toe ondaty
nimpirè-batañe t'i Mosè, lombolombo ze hene ondaty ambone ty tane toy. 4 Aa le
nanao ty hoe amy Mosè naho i Aharone vaho i Miriame amy zao t'Iehovà, Akia
nahareo telo, mb' an-kibohom-pamantañañe mb'eo! Aa le niavotse mb'eo i telo rey.
5 Nizotso amy rahoñe nijoalay t'Iehovà naho nijohañe an-dalambei' i kivohoy vaho
kinanji'e t'i Aharone naho i Miriame le niheo mb'eo iereo roe. 6 Le hoe re, Janjiño
o entakoo: naho ama' Iehovà ty mpitoky le anoñonako vatañe añ' aroñaroñe vaho
itaroñako ami'ty nofy. 7 Fe tsy zay amy Mosè mpitoroko; Ie matoe amy hene trañokoy.
8 Ie ty taroñako falie am-palie, an-kazavàñe fa tsy aman-drazan-tsara; ie ty mahaisake
ty talinjo' Iehovà. Tsy nahahembañe anahareo hao ty nañinje i Mosè mpitorokoy?
9 Aa le nisolebotse am' iereo ty haviñera' Iehovà, le nienga re.
10 Aa naho nienga boak' ambone' i kivohoy i rahoñey le nizoeñe te angamae t'i
Miriame, foty mikatsatsaoke. Ie nitolik' amy Miriame t'i Aharone, nizoe'e te angamae.
11 Le hoe t'i Aharone amy Mosè, O ry talèko! miambane ama'o, ko apo'o ama'ay i
fandilara'aiy, i hakeo nanoe'ay an-kagegeañey. 12 Ehe ko ampihambañe'o ami'ty lolo
niboloañe boak' an-tron-drene'e ao, ie fa voroke ty antsasa' o nofo'eo. 13 Aa le nitoreo
am' Iehovà t'i Mosè nanao ty hoe, Ry Andrianañahare, mihalaly ama'o: Jangaño re!
14 Le hoe t'i Iehovà amy Mosè, Naho nitsorihan-drae'e an-tarehe'e, tsy ho nivavè'e
fito andro hao ty hasalara'e? Aa le adono re hagabeñe alafe' i tobey fito andro; ie
modo le rambeseñe indraike. 15 Aa le narindriñe alafe' i tobey fito andro t'i Miriame;
le tsy nionjoñe ka ondatio am-para' te nampihovaeñe ao indraike t'i Miriame.
16 Añe zay le nienga i Katserote ondatio nitobe am-patrambei' i Parane añe.

# 13

*Namantoke Mpitingañe*
*Its 1.19-33*

1 Hoe ty nitsara' Iehovà amy Mosè, 2 Añiraho ondaty hitingañe an-tane Kanàne
añe, ie hatoloko amo ana' Israeleo, songa amantoho ondaty raike o fifokoan-droae'eo,
fonga mpamelek' am' iereo. 3 Aa le nampionjone' i Mosè boak' am-patrambei' i
Parane ao iereo ami' ty nandilia' Iehovà, songa mpiaolo' o ana' Israeleo indaty rey.
4 Aa le zao o tahina' iareoo: tam-pifokoa' i Reòbene, t'i Samoà ana' i Zakore; 5 tam-
pifokoa' i Simone t'i Safate ana' i Horý; 6 tam-pifokoa' Iehodà t'i Kalebe ana' Iefonè;
7 tam-pifokoa' Isakhare t'Igale ana' Iosefe; 8 tam-pifokoa'i Efraime t'i *Hoseà ana' i

† **11:34** Kibrate Hatàava: kiborin-kadrao * **13:8** Hosea: fandrombaha

None; 9 tam-pifokoa' i Beniamène t'i Paltý ana'i Rafò; 10 tam-pifokoa' i Zebolone t'i
Gadiele ana'i Sodý; 11 tam-pifokoa' Iosefe, tam-pifokoa' i Menasè: t'i Gadý ana' i Sosý;
12 tam-pifokoa' i Dane, t'i Amiele ana' i Gemalý; 13 tam-pifokoa' i Asere t'i Setore ana'
i Mikhaele; 14 tam-pifokoa' i Naftalý t'i Nakhbý ana' i Vofsý; 15 tam-pifokoa'i Gade,
t'i Geoele ana' i Makhý; 16 Ie ro tahina' ondaty nafanto' i Mosè hitingañe i taneio, le
novae' i Mosè ty tahina' i Hoseà ho †Iehosòa.
17 Aa le nirahe' i Mosè iereo hitingañe an-tane Kanàne añe naho nafanto'e ty hoe:
Mionjona mb' amo Negeveo mb'eo vaho mañambonea mb' am-bohibohitse añe, 18 le
isaho te inoñe i taney naho ondaty mimoneñe aoo ke maozatse ke maifoifo, he tsy
ampeampe he maro; 19 le i tane imoneña' iareoy, ke soa he raty; naho o rova itoboha'
iareoo ke t'ie tobe he arikoboñen-kijoly; 20 le i taney ke kobokara he tsy mamokatse;
ke mitiry hatae he tsie. Aa le mahasibeha vaho añandeso ty voka' i taney. Toe san-
doha-voam-balòboke henane zay.
21 Aa le nienga iereo nijoko boak' am-patrambei' i Tsine mb'e Rekhobe‡ am-
pimoaha' i Hamate§ mb'eo. 22 Le nionjoñe mañatimo naho nigodam-b'e Kebrone
naho Akimane naho e Sesaý vaho e Talmaý, mb'amo ana' i Anàkeo mb'eo. (Naoreñe
fito taoñe taolo' i Tsoane e Mitsraime añe ty Kebrone.) 23 Le nivotrak' am-
bavatane' Eskole eo iereo vaho nibira tsampam-baloboke rekets' angaroza'e raike
nampitarazoeñe ondaty roe am-baoñe, naho nangalak' ampongabeindañitse vaho
aviavy. 24 Natao Vavatane' i Eskole* i taney ty amy angaroza nihitsife' o ana'
Israeleoy.

### *Ty Talily o Mpitingañeo*

25 Ie efa-polo andro añe le nimpoly i nitampoñe i taney rey, 26 le niheo mb'amy Mosè
naho i Aharone vaho i valobohò' Israeley am-patram-bei' i Parane e Kadese mb'eo
ninday saontsy ama'e naho amy valobohò' Israele iabiy, vaho naboa' iereo ty voka'
i taney. 27 Le hoe ty natalili' iareo ama'e, Nigodañe'ay i tane' nañiraha'o anaiy. Toe
iorikorihan-dronono naho tantele, hehe ty voka'e. 28 Fe misañatse ondaty mimoneñe
amo taneo; le faheran-kijoly fatratse o rova'eo vaho jabajaba; mbore nioni'ay ao o
ana' i Anàkeo. 29 Mimoneñe an-tane atimo ao o nte-Amalekeo; le mimoneñe am-
bohibohitse ao o nte-Kheteo† naho o nte-Iebosèo vaho o nte-Amareo; le mimoneñe
añ' olo' i riakey naho añ' olo' i saka Iardeney o nte-Kanàneo.
30 Nampianjiñe' i Kalebe añatrefa' i Mosè ondatio, nanao ty hoe: Antao hionjoñe
mb'eo amy zao hitavañe i taney, tsy kalafo te mahagiok' aze tika. 31 Fe nanao ty
hoe ondaty niharo-lia ama'eo: Tsy lefen-tika ty hionjoñe haname ondatio amy t'ie
maozatse te aman-tika. 32 Le naboele' iereo ty talily nahatsonevotse o ana' Israeleo
ty amy tane nitingane' iereoy, ami'ty hoe: I tane niranga'ay mpitingañey, le tane
mampibotseke o mpimone'eo, vaho mijoalajoala ze hene ondaty niisa'ay ama'e.
33 Nioni'ay ondaty ‡joakeo (toe tarira' ondaty joake o nte-Anàkeo); le nihoe valala
am-pañentea'ay zahay vaho zahay am-pahaisaha' iareo.

## 14

### *Miola Ondatio*

1 Aa le nañonjom-peo am-pangolalaihañe i valobohòkey, naho nangololoike ty
rovetse amy haleñey ondatio, 2 vaho nitoreo amy Mosè naho amy Aharone o ana'
Israele iabio; le nanoe' i valobohòkey ty hoe, Ee t'ie nivetrak' an-tane Mitsraime ao!
Ndra kitra'e nikoromak' am-patrambey atoa! 3 Ino ty nandesa' IEHOVÀ mb'an-tane

---

† **13:16** Iehosoa: Fandrombahan' Añahare ‡ **13:21** Rekhobe: fatrambey § **13:21** Hamate: aman-kijoly fatratse * **13:24** Eskole: vavatane ndra torahañe † **13:29** Khete: tsolololoke, hetraketrake ‡ **13:33** Heb: nte-Nefile

atoy ho tsingoritrìem-pibara reke-keleiañe ho tsindroke; tsy hàmake t'ie himpoly
mb'e Mitsraime mb'eo? 4 Aa le hoe ty fivesoveso' iareo, Antao hijoboñe mpiaolo
vaho himpoly mb'e Mitsraime añe.
5 Nibabok' an-daharañe añatrefa' i fivorim-balobohò' o ana' Israeleoy amy zao t'i
Mosè naho i Aharone. 6 le nandriatse sarimbo t'Iehosoa ana' i None naho i Kalebe
ana' Iefonè, i nimpiamo nitingañe i taneio rey; 7 le hoe ty enta' iareo amy valobohò'
Israeley, I tane nirangà'ay mpitingañeo le tane loho fanjaka. 8 Aa naho noro' Iehovà
tika, le ie ty hanese naho hanolotse antika i taney, toe tane orikorihen-dronono
naho tantele. 9 Aa ko miola am' Iehovà, ko mirevendreveñe am'ondati' i taneio,
ie fitsindrohan-tika; toe nisitak' am' iereo ty fañarova'e vaho amantika t'Iehovà. Ko
ihembañañe. 10 Fe vinola' i fivoribey iabiy t'ie haretsam-bato, vaho niboak' amo ana'
Israele iabio, an-kibohom-pamantañañe ey, ty enge' Iehovà.
11 Le hoe t'Iehovà amy Mosè, Pak' ombia ty mbe hañinjea' ondaty retiañe ahy?
Ampara' ombia t'ie mbe tsy hahafiato amako ty amo hene viloñe nanoeko añivo'
iereoo. 12 Ho paoheko angorosy naho harotsako, vaho ihe ty hanoeko foko ra'elahy
mandikoatse naho maozatse te ama'e.

### *Mañalañalañe t'i Mosè*

13 Aa hoe t'i Mosè am' Iehovà, Le ho tsanòñe' o nte-Mitsraimeo, te i haozara'oy ty
nañavota'o ondaty retiañe boak' añivo' iareo ao, 14 le hatao' iareo amo mpimone'
ty tane toio, te tsinano' iereo te ihe ry Iehovà ro añivo' ondaty retoañe, amy te
Ihe ry Iehovà ro ifañatrefan-daharañe naho mitroatse ambone' iereo i raho'oy,
vaho ihe ro Fiaolo' iareo amy rahoñe mijoalay te handro naho añ'afo mitiotiotse
te haleñe. 15 Aa naho zamane'o hoe ondaty raike ondaty retiañe, le hanao ty hoe
o tane iaby nahajanjiñe ty hara'elahi'oo, 16 Kanao tsy nahafanese ondaty retiañe
mb'an-tane nitolora'e am-panta mb'eo t'Iehovà, le nimongore'e an-dratraratra añe.
17 Aa le ihalaliako, ehe ho ra'elahy ty haozara' i Talè amy nitsarae'o ty hoe, 18 Malaon-
kaviñerañe t'Iehovà naho lifo-pikokoa-migahiñe, mpampipoke hila naho fiòla, fe tsy
apo'e ty manao hakeo*, fa afetsa'e amo anakeo o tahin-droae'eo ami'ty tariratse faha-
telo naho fahefatse. 19 Miambane ama'o, apoho ty hakeo' ondaty retiañe amy hara'
elahin-kafatraram-pikokoa'oy, manahake ty nampidòna'o ty hakeo' ondaty retiañe e
Mitsraime añe pake henane.
20 Aa le hoe t'Iehovà, Fa napoko ty amy enta'oy; 21 fe kanao velon-dRaho, ho lifore'
ty enge' Iehovà ty tane toy, 22 le ze hene ondaty nahaisake o engekoo naho o viloñe
nanoeko e Mitsraime naho am-patram-beio, ie fa nitso-pañahy ahiko fañimpolo'e
henaneo, vaho tsy nañaoñe ty feoko, 23 toe tsy ho isa' iareo i tane nifantàko aman-
droae' iareoy, toe tsy ho isa' o nañinje Ahio, 24 naho tsy i Kalebe mpitorokoy amy te
hafa ty arofo ama'e le niventè'e t'ie mpañorik' ahiko, aa le hendeseko mb' an-tane
nañaveloa'e mb'eo vaho ho lovae' o tarira'eo. 25 Aa kanao mimoneñe am-bavatane
ao o nte-Amalekeo naho o nte-Kanàneo, le mivioña nahareo te hamaray, vaho
mionjona mb' am-patrambey mb'amy lalañe migodañe mb'an-dRia-Binda mb'eoy.

### *Nikalañañe i Fanameañey*
*Fts 1.41-45*

26 Le hoe ty nitsara' Iehovà amy Mosè naho amy Aharone: 27 Pak'ombia ty
hivaveako ty valobohòke lo-tsereke mañinje ahiko tia? Fa tsinanoko ty fiñeoñeo'
o ana' Israeleo, ty fañinjea' iareo ahiko. 28 Saontsio am' iereo, Kanao velon-dRaho,
hoe t'Iehovà, le hanoeko ama' areo i sinaontsi' areo an-tsofikoy; 29 toe hipopok'
am-patram-bey atoa ty lolo' areo, ze fonga nivolilieñe ama' areo, ze hene niaheñe
ama' areo mifototse ami'ty roapolo taoñe mañambone amo nañinje Ahikoo. 30 Leo
raike tsy himoak' amy tane natoloko anahareo am-panta himoneña' areoy, naho

---

* **14:18** Avo 34:7, Iir 30:11

tsy i Kalebe ana’ Iefonè naho Iehosoa ana’ i None, 31 le o amori’ areo kedekedeke
natao’ areo ho tsindroheñeo; hendeseko ao iereo le ho fohi’ iareo i tane niheje’
areoy. 32 Inahareo ka, hifitak’ am-patrambey ao ty lolo’ areo, 33 le hirererere am-
patrambey ao efapolo taoñe o ana’ areoo, hivave ty hakarapiloa’ areo, ampara’ te
vorok’ am-patrambey ao ty lolo’ areo. 34 Mira ami’ty ia’ o andro nitingane’ areo i
taneio, i efa-polo andro rezay, te songa havale taoñe raike i andro rey, ho vave’ areo
ty tahi’ areo, aa le efa-polo taoñe ty hahafohina’ areo ty habosehako. 35 Zaho IEHOVÀ
ty nitaroñe. Tsy mete tsy henefeko ami’ty valobohòke lo-tsereke nihipoke hiatreatre
amako tia, ie habotse’ ty fatram-bey toy naho toe hihomak’ ao.
36 Le ondaty nirahe’ i Mosè hitingañe i taneio, o nimpoly ninday saontsy nampitoreo
i valobohòkey ty amy talily raty nendese’ iereo ty amy taneiio, 37 le navetra’ ty
angorosy añatrefa’ IEHOVÀ ondaty ninday i talily raty ty amy taneio. 38 Iehosoa ana’
i None naho i Kalebe ana’ Iefonè avao ty mbe niveloñe amo nitingañe i taneio.
39 Aa le akore ty fihonto’ o ana’ Israeleo amy nitaroña’ i Mosè i entañe zaiy, 40 kanao
nivañoñe marain-tsikiake iereo niañambone’ i vohitsey, ami’ty hoe: Itoan-jahay,
hanganike i nampitama’ IEHOVÀ anaiy, fa nanao hakeo zahay. 41 Hoe ka t’i Mosè, Aa
vaho akore te lilare’ areo ty lili’ IEHOVÀ henaneo? Toe tsy ho tafetetse. 42 Ko mionjoñe
mb’eo tsy mone ho rotsaheñe añatrefan-drafelahi’ areo fa tsy mindre ama’ areo
t’IEHOVÀ. 43 Aolo’ areo o nte-Amalekeo naho o nte-Kanàneo, le hampitsingoroem-
pibara nahareo; Amy te niambohoa’ areo t’IEHOVÀ, vaho tsy hindreza’ IEHOVÀ lia.
44 F’ie nionjoñe tsinahy mb’an-tiotio’ i vohitsey mb’eo; fe tsy niakatse i tobey ka
i vatam-pañina’ IEHOVÀy ndra i Mosè. 45 Aa le nizotso hiatreatre am’iareo o nte-
Amalekeo naho o nte-Kanàne mpimoneñe amy vohitseio, nandafa naho nandronje
iareo sikala e Khormà añe.

# 15

*Enga Ila’e*

1 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 2 Misaontsia amo ana’ Israeleo, le ano ty hoe:
Naho mimoak’ an-tane himoneña’ areo, i hatoloko anahareoy, 3 ie manao soroñe
am’ IEHOVÀ, ke enga ho lorañe he enga-ava-panta ke enga-tsatrin’ arofo he amo
andro namantañañeo, le ho hàñin-kanintsiñe am’ IEHOVÀ, he boak’ an-tro-raik’ ao
ke boak’ an-dia-raike ao, 4 le ze mibanabana enga añatrefa’ IEHOVÀ ty hinday enga-
mahakama, mona fahafolo’ ty efà linaro menake hine fahèfa’e, 5 naho divay fahèfa’
ty hine ho enga-rano ihentseñañe, le ke amy soroñey, he amy engay, ho ami’ty
vik’ añondry. 6 Aa naho añondrilahy, le ho hajarie’o ty mona roe ampahafolo’
ty efà linaro menak’ ampaha-telo’ ty hine ho enga-mahakama; 7 le ho enga-rano:
ibanabanao divay hine ampahatelo’e ho hàñin-kanintsiñe am’ IEHOVÀ. 8 Aa naho
mañenga bania hisoroñañe ke hañenek’ ava-panta, he ho fañanintsiñe am’ IEHOVÀ,
9 le hengaeñe mitraok’ amy baniay ty enga-mahakama: telo ampahafolo’ ty efà
mona linaro menake hine vaki’e, 10 le hengae’o ty divay hine vaki’e ho enga rano
hisoroñañe, hàñin-kanintsiñe am’ IEHOVÀ.
11 I hoe zay ty ho sata amy ze añombe ndra añondrilahy, naho ze vik’ añondri-
lahy ndra vik’ose. 12 Ty ami’ty hamaro ihentseñañe, le sindre anoeñe ty ami’ty ia’e.
13 Songa hanao zay ze samak’ amy taney, ie mañenga soroñe ho hàñin-kanintsiñe
am’ IEHOVÀ. 14 Aa naho mitaveañe ama’ areo ty renetane, ke ia ia hom’bama’ areo
amo tarira’ areo iabio, ie te hañenga soroñe ho hàñin-kanintsiñe am’ IEHOVÀ; le
mira ami’ty fanoe’ areo ty hanoe’e. 15 Ty amy valobohòkey, fañè raike ty hifehe
anahareo naho i renetane mpimoneñe aoy, fañè nainai’e tsy modo amo hene tarira’
areo mifandimbeo; manahak’ anahareo avao ze renetane añatrefa’ IEHOVÀ. 16 Fetse
raike naho fepetse raike ty anahareo naho ze renetane mpitaveañe ama’ areo ao.

17 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 18 Saontsio ty hoe amo ana’ Israeleo: Ie
mimoak’ amy tane aneseako anahareoy ao, 19 naho mikama amy mahakama’ i taney
le mañengà engan-kavoañe am’ IEHOVÀ. 20 Ami’ty valohan-koba’ areo ty hañengà’
areo mofo ho engan-kavoañe; hambañe ami’ty engan-toem-pifofohañe ty hañengà’
areo. 21 Hatolo’ areo ho enga am’ IEHOVÀ ty lengon-koba valoha’e, hengae’ o hene
tarira’ areo mifandimbeo zay.

22 Aa ie mandilatse* tsy mahambeñe o lily retiañe, o nitsarae’ IEHOVÀ amy Mosèo—
23 toe ze hene tsara linili’ IEHOVÀ am-pità’ i Mosè, ampara’ i andro nitaroña’ IEHOVÀ
i liliy pak’ amo hene tarira’ areoo— 24 ie amy zao, naho mandilatse tsy satrie’e i
valobohòkey, ie nietak’ am-pihaino’e, le hengae’ i valobohòkey ty ana’ ty tro’e raike,
ty bania hisoroñañe ho hàñin-kanintsiñe am’ IEHOVÀ rekets’ i enga-mahakama’ey
naho i enga-rano’ey, am-pañè, vaho ty vik’oselahy ho engan-kakeo. 25 Le hefera’
i mpisoroñey i valobohò’ Israeley vaho ho haha iereo kanao tsy nisatrieñe, naho
fa nasese’ iereo i enga’ iareoy; enga nisoroñañe am’ IEHOVÀ, naho i engan-kakeo
nengaeñe añatrefa’ IEHOVÀy, amy fandilara’ iareoy. 26 Aa le hapoke t’ie tsy ho ami’ty
valobohò’ Israele naho tsy ho amo renetane mpimoneñe ama’eo, amy te songa añate’
i lilatse tsy nisatrieñey i màroy.

27 Aa naho ondaty raike ty mandilatse tsy satrie’e , le hengae’e ty vik’ose vave’e
ho engan-kakeo, 28 le hefera’ i mpisoroñey indaty nandilatse tsy an-tsatrie’ey, ie toe
nandilatse fe tsy nitsatrie’e, añatrefa’ IEHOVÀ, hañeferañe aze, le halio-tahiñe. 29 Ho
raike ty fetse mifehe ze mandilatse tsy satrie’e , ke tarira’ o ana’ Israeleo, he renetane
mpitaveañe am’ iereo ao. 30 Fe t’indaty mañonjo haoke handilatse, ke ie samak’ amy
taney ao, ke renetane, ie manirika IEHOVÀ, le haitoañe am’ ondati’eo indatiy, 31 amy
te ninjè’e ty tsara’ IEHOVÀ naho niotà’e i lili’ey, toe haitoañe zafezanake indatiy vaho
ho vavè’e i hakeo’ey.

*Lilatse ami’ty Sabata*
*Avo 31.12-17*

32 Ie tam-patrambey añe o ana’ Israeleo le nahaisake ondaty nanontoñe hatae
ami’ty andro Sabotse. 33 Aa le nasese’ o nahaisak’ aze nanontoñe hataeo mb’ amy
Mosè naho i Aharone vaho i valobohòkey mb’eo; 34 le najo’ iareo an-drohy ao heike fa
mbe tsy tsinara ty hanoañe aze. 35 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, tsy mete tsy havetrake
indatiy; songa handretsake vato ama’e alafe’ i tobey i valobohòkey. 36 Aa le amy
nandilia’ IEHOVÀ i Mosèy: nasese’ i valobohòkey alafe’ i tobey re naho rinetsam-bato
vaho nihomake.

*Riran-Tsarimbo*

37 Le hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 38 Misaontsia amo ana’Israeleo ty
hanoa’ iereo fole mirandrañe an-kotson-tsaro’ iareo nainai’e amo hene tarira’ iareo
mifandimbeo, songa haharo’ iareo amo fole mirandrañe an-kotson-tsaroñeo ty
fole manga. 39 Ty sata’ o boram-poleo ama’ areo, le ie isa’ areo ro hahatiahy o
lili’ IEHOVÀ iabio vaho hanoe’ areo, soa tsy horihe’ areo ty arofo’ areo naho o
fihaino’ areo mampandrìkeo, 40 fa ho tiahi’ areo le hene hanoe’ areo o lilikoo, vaho
hiavake ho aman’ Añahare’ areo†. 41 Zaho IEHOVÀ Andriananañahare’ areo ninday
anahareo nienga an-tane Mitsraime añe ho Andriananañahare’ areo: Zaho IEHOVÀ
Andriananañahare’ areo.

## 16

*Ty Fiola’ i Korahke*

* **15:22** Vol 15:22-31, Sor 4:1-35 † **15:40** Avo 20:6, Its 7:9, 11:1, 30:16, Nek 1:5, Dan 9:4, Jn I 5:2-3, Jn II 1:6

1 Ie amy zao, niavotse t'i Korahk' ana' Itsare ana' i Kehàte fifokoa' i Levy reketse
i Datane naho i Abirame songa ana' i Eliabe vaho i One, ana' i Pelete tarira' i
Reòbene, 2 le nijohañe aolo' i Mosè eo mindre ami'ty ila' o ana' Israeleo, mpiaolo' i
valobohòkey, roanjato-tsi-limampolo, jinoboñe am-pivory, aman-kasy; 3 nifanontoñe
hiatrek' amy Mosè naho i Aharone vaho nanoe' iareo ty hoe, Loho bey ty vavea'
areo, amy te fonga miavake i valobohòkey naho am' iareo iaby t'Iehovà. Aa ino
ty irengevoha' areo ambone' ty fivori' Iehovà? 4 Ie jinanji' i Mosè, le nibabok'
an-dahara'e, 5 nanao ty hoe amy Korahke naho o mpiama'e iabio: Hamaray ty
hampiboaha' Iehovà o azeo, ty miavake, le ie ty hampañarinea'e; toe i ho joboñe'ey
ty hampitotofa'e. 6 Ano zao: ry Korahke naho o mpiama'o iabio, andrambeso sadron'
afo, 7 le apoho ama'e ty afo naho andafiho embok' añatrefa' Iehovà hamaray vaho
t'indaty joboñe' Iehovà, ie ty hiavake. Fa loho maro ty vavea' areo ry nte-Levio!
8 Le hoe t'i Mosè amy Korahke, Mitsendreña henaneo ry ana' i Levio: 9 Loho
kede ama' areo hao t'ie nampiambahen' Añahare' Israele amo valobohò' Israeleo
hampañarinea'e, hitoloñe amy kivoho' Iehovày ao, hijohañe añatrefa' i valobohòkey
hiatrak' iareo, 10 ie nampañarivoe'e ama'e mitraok' amo rahalahi'o ana' i Levio? Aa
mbe hipay ho mpisoroñe ka v'iheo? 11 kanao mifanontoñe hiatreatre am' Iehovà,
ihe naho o mpiama'o iabio. Le i Aharone, inon-dre te injè' areo?

12 Nampañitrife' i Mosè amy zao t'i Datane naho i Abirame ana' i Eliabe, fa hoe
iereo: Tsy homb'eo zahay! 13 raha kede ama'o hao te nakare'o an-tane orikorihen-
drononо naho tantele ao hanjamana'o am-patrambey atoy, mbore manao ho mpifehe
anay? 14 Ie amy zao tsy nendese'o amy ze o tane orikorihen-dronono naho tantele zao,
tsy nampandovae'o anay ty teteke naho tetem-bahe. Aa vaho havitso'o am'ondaty
retiañe o fihaino' iareoo? Zahay tsy homb'eo!

15 Niforoforo t'i Mosè le hoe re am' Iehovà, Amoeo ty enga' iareo. Mbe liako tsy
nandrambe borìke raik' am' iereo vaho leo raik' am'iereo tsy jinoiko. 16 Le hoe
t'i Mosè amy Korahke, Miatrefa am' Iehovà, ihe naho o mpiama'oo—ihe naho iereo
vaho i Aharone te maray; 17 songa mindesa sadron' afo vaho apoho ama'e ty emboke,
sindre hinday ty sadròn' afo'e añatrefa' Iehovà, sadron' afo roanjato-tsi-limampolo;
ihe naho i Aharone ka, sambe aman-tsadron' afo.

18 Aa le fonga nandrambe ty sadron' afo'e t'indaty, naho napo'e ama'e ty afo naho
nandafihan' emboke vaho nijohañe an-dalan-kibohom-pamantañañe eo mindre amy
Mosè naho i Aharone. 19 Le navori' i Korahk' an-dalan-kibohom-pamantañañe ey i
valobohòkey hiatreatre iareo. Nisodehañe amy màroy amy zao ty enge' Iehovà.

20 Le hoe ty nitsara' Iehovà amy Mosè naho i Aharone: 21 Mivevea amo valobohòkeo
fa hampangotomomoheko aniany. 22 Nibabok' an-dahara'e amy zao iereo nihalaly ty
hoe, O Andrianañahare, Andrianañaharen' arofo' ze hene atao nofotse; hiviñera'o
ami'ty lila' ondaty raike hao i valobohòkey?

23 Aa le hoe ty nitsara' Iehovà amy Mosè, 24 Saontsio amo valobohòkeo ty hoe:
Iengao o kiboho' i Korahke naho i Datane vaho i Abirameo. 25 Le niongake t'i
Mosè nimb'amy Datane naho i Abirame mb'eo; nanonjohy aze o roandria' Israeleo.
26 Le sinaontsi'e amy valobohòkey ty hoe, Isitaho henaneo o kiboho' ondaty lo-
tsereke reroañe! Ko mitsapa ty raha' iareo tsy mone ho faoheñe añe amo hakeo'
iareoo. 27 Aa le niviha' iereo o kiboho' i Korahke naho i Datane naho i Abirameo;
le niakatse t'i Datane naho i Abirame vaho nijohañe an-dalan-kiboho'e eo rekets'
o tañanjomba'eo naho o ana'eo naho o amori'eo. 28 Le hoe t'i Mosè: Inao ty
hahafohina' areo t'ie nirahe' Iehovà hanao o tolon-draha rezao, tsy te nisatriko:
29 Aa naho mikoromake manahake ze hene ondaty, ondaty retiañe, naho ho tiliheñe
hambañe ami' ty fitilihañe ze kila ondaty, le tsy nirahe' Iehovà raho. 30 Fa naho
manao raha vao t'Iehovà, naho sokafe' o taneo ty vava'e, hampibotseke iareo naho

ze hene a’ iareo vaho hivarigodam-beloñe mb’ an-tsikeokeok’ ao, le ho fohi’ areo te
ninjè’ ondatio t’IEHOVÀ.
31 Ie vaho nimodo i saontsi’ey le nivalaetrake ambane’ iereo i taney, 32 vaho
sinoka’ i taney ty vava’e le fonga nabea’e rekets’ o hasavereña’ iareoo, ze lahilahy
mpiamy Korahke naho o vara’e iabio. 33 Aa le nigodam-beloñe mb’ an-tsikeokeok’
ao iereo reke-panañañ’ iaby; nikitek’ ambone’e i taney, naho fa nimongoreñe amy
valobohokey iereo. . 34 Le nitriban-day iaby ze ana’ Israele narine eo, namantsiñe ty
hoe, Ke hatele’ i taney ka zahay! 35 Niboak’ am’ IEHOVÀ amy zao ty afo nahaforototo
‘indaty roanjato-tsi-limampolo nañemboke rey.

## 17

1 Le natoro’ IEHOVÀ amy Mosè ty hoe: 2 Misaontsia amy Elazare ana’ i Aharone
Mpisoroñe handrambesa’e o sadron’ afo boak’ amy afoio, le hampiparatsahe’e ey i
afoy, fa miavake irezay. 3 Ampipeho ho endraendra hanaroñe i kitreliy o sadron’ afo’
ondaty rinotsan-kakeo ty fiai’iareoo, fa miavake amy te nengaeñe am’ IEHOVÀ, le ho
viloñe amo ana’ Israeleo. 4 Aa le rinambe’ i Elazare mpisoroñe o sadron’ afo torisìke
nengae’ i niforototoeñe reio, vaho nipepeheñe ho kape’ i kitreliy, 5 ho faniahiañe o
ana’ Israeleo te tsy hitotoke mb’eo ty ondaty sotra tsy tarira’ i Aharone hañembok’
am’ IEHOVÀ, tsy mone hanahake i Korahke naho o mpiama’eo, amy nitsara’ IEHOVÀ
am-pità’ i Mosèy.
6 Ie amy loakandroy le fonga niñeoñeoñe amy Mosè naho i Aharone i valobohòn’
ana’ Israeley ami’ty hoe, Fa zinama’ areo ondati’ IEHOVÀo. 7 Aa naho nifanontoñe i
valobohòkey hiatreatre amy Mosè naho amy Aharone, f’ie nitolike mb’ an-kibohom-
pamantañam-b’eo le hehe te nisaroña’ i rahoñey vaho niboake ty enge’ IEHOVÀ. 8 Aa
le niheo mb’ aolo’ i kibohom-pamantañañey mb’eo t’i Mosè naho i Aharone. 9 Le
nitsara amy Mosè t’IEHOVÀ nanao ty hoe: 10 Isitaho o valobohòkeo hamorototoako
aniany. Ie nibabok’ an-daharañe, 11 le hoe t’i Mosè amy Aharone, Angalao sadron’ afo
le apoho ama’e ty afo boak’ amy kitreliy, le ampipoho emboke naho mihitrifa masìka
mb’amy valobohòkey hañefets’ iareo amy te niboak’ am’ IEHOVÀ ty fombo vaho fa
namototse i angorosiy. 12 Aa ie mbe nisaontsy t’i Mosè, le rinambe’ i Aharone zay le
nipitsik’ an-day naneñateña i valobohòkey; naho tendreke te niorotse am’ ondatio i
angorosiy; Napo’e ama’e ty emboke vaho nefera’e ondatio. 13 Aa ie nijohañe añivo’ o
mateo naho o veloñeo le nijihetse i angorosiy. 14 Rai-ale-tsi-efats’ arivo-tsi-fitonjato ty
nivetrak’ amy andro zay mandikoatse o nikoromak’ amy Korahkeio. 15 Ie nijihetse i
angorosiy le nibalike mb’ amy Mosè t’i Aharone mb’an-dalan-kibohom-pamantañañe
mb’eo.

*Nitaroke ty Kobai’ i Aharone*

16 Le hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 17 Misaontsia amo ana’ Israeleo naho
mangala kobay amo anjomban-droae iabio, ze talèn’ anjomban-droae—kobay folo-
ro’amby, ie songa hanokitse ty tahina’e amy kobai’ey. 18 Le sokiro an-kobai’ i Levy
eo ty tahina’ i Aharone. Sindre kobain-droae raike ty amy talèn’ anjomban-droae’ey,
vaho 19 apoho an-kibohom-pamantañañe aolo’ i fañina fifampikaoñan-tikañey. 20 Ie
amy zao, hitaroke ty kobai’ ondaty ho joboñeko; le hijihetse ty fitoreo’ o ana’ Israeleo
amako, i fiñeoñeoñe ama’o lomoñandroy. 21 Aa le nisaontsy amo ana’ Israeleo t’i
Mosè vaho songa nanolotse kobay raike o talèo, ty aman-talèn’ anjomban-droae’e;
kobay folo-ro’ amby; le nitraok’ amo kobai’ iareoo ty kobai’ i Aharone 22 vaho napo’
i Mosè añatrefa’ IEHOVÀ amy kibohom-pañinay i kobaiñe rey.
23 Aa naho nimoak’ amy kibohom-pañinay t’i Mosè te loak’andro, hehe te nitaroke
naho namotiboty naho namòñe vaho namoa mahabibo àñoñe ty kobai’ i Aharone

añ'anjomba' i Levy. 24 Le naaka' i Mosè boak' añatrefa' IEHOVÀ mb' amo ana' Israele
iabio i kobay rey; nahaisake iereo vaho sambe nandrambe ty kobai'e. 25 Le hoe
t'IEHOVÀ amy Mosè, Ampolio aolo' i fañinay ty kobai' i Aharone ho viloñe amo
manjehatseo, hampigadoñe ty fañinjea' iareo ahy tsy mone hikenkañe. 26 Aa le
nanoe' i Mosè zay; i nandilia' IEHOVÀ azey ty nanoe'e.
27 Le hoe o ana'Israeleo amy Mosè, Mihamomoke zahay, motso, fonga mongotse!
28 Ndra iaia mitotoke mb'eo, naho mañarine i kivoho' IEHOVÀy le havetrake. Kila
hibanìtse hao zahay?

# 18

*Ty Lili' o Mpisoroñe nte-Levio*
1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Aharone: Ihe naho o anadahi'oo miharo amo
anjomban-droae'oo ro hivave o hakeo' i efe-miavakey, le ihe rekets' o anadahi'oo
ro hivave o tahi' i fisoroñañeio. 2 Aa le endeso mb' etoa ka o rahalahi'oo, i fifokoa' i
Leviy, i fifokoan-droae'oy, hireketse ama'o, hitoroñe azo, ihe naho o ana'oo, añatrefa'
i kibohom-pañinay. 3 Hiatrak' azo iereo vaho hañambeñe i kivoho iabiy, fe tsy
harinea' iareo o fana' i efe-miavakeio naho i kitreliy tsy mone hivetrake, ie naho
inahareo. 4 Hampireketeñe ama'o iereo hamandroñe i kibohom-pamantañañey amy
ze hene fitoloñañe amy kivohoy fe tsy hiharinea' t'indaty tsotra. 5 Le ho toloñe'
areo o raha miavakeo, hatrafe' areo i kitreliy, tsy hifetsahan-kaviñerañe o ana'
Israeleo. 6 Le Zaho, toe Zaho ty nandrambe o nte-Levy rahalahi' areoo boak'amo
ana' Israeleo, ie nengaeñe ho ravoravo am' IEHOVÀ ho anahareo, hanoe'e o fitoroñañe
an-kibohom-pamantañañeo. 7 Le ihe naho o ana'o rekets' ama'oo ro hañambeñe o
fisoroña' areoo amy ze hene mioza amy kitreliy, le ho toroñe' areo ze ankalo' i lamba
fañefetsey ao. Atoloko azo ho fitoroñan-karavòañe i fisoroñañey, fe havetrake ze
ondaty tsotra miharine eo.

*Ty Anjara' i Mpisoroñey*
8 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Aharone: Zaho, toe Zaho ty nanolots' azo o engan-
kavoakoo, le navìko ho azo naho o ana'oo ho amy fañorizañey ze hene navi' o ana'
Israeleo. Natoloko ami'ty fañorizañe naho amo o ana'oo ho fañè nainai'e. 9 Ho azo
amo raha miava-do'e navotsotse amy afoio; ze hene enga' iareo: ze enga-mahakama
iaby, ze soron-kakeo iaby; ze hene engan-dilatse mete ho banabanae' iereo amako,
ho miava-do'e ama'o naho amo ana'oo. 10 Ho kamae' areo an-toetse miavake ao, ze
lahilahy iaby ty hikama ama'e, fa navaheñe ho ama'o. 11 Ho azo ty enga-kavoañe
amo engae' iareoo, naho ze enga ahelahela' o ana' Israeleo, le fa natoloko azo naho
amo ana-dahi'oo naho o anak' ampela'o mindre ama'oo ho fañè nainai'e, ie mete
kamae' ze malio añ' anjomba'o ao. 12 Fa natoloko azo ze hene soa amo menakeo
naho ze fonga soa amo divai-vaoo naho amy ampembay: ty loha-voñe engae' iereo
am' IEHOVÀ. 13 Azo ze hene lengom-boa an-tane'e añe engae' iereo am' IEHOVÀo, songa
mete mikama ama'e ze malio añ'anjomba'o ao. 14 Hene azo ze atokañe e Israele ao.
15 Azo ka ze manoka-koviñe valoha'e, ze engaeñe am' IEHOVÀ, he ondaty ke hare;
fe toe ho jebañeñe o tañoloñoloña' ondatio, vaho havahañe ka ze valohan' ana'
o biby tsy malioo. 16 Le ty vilin' ai'e, mifototse amy valòham-bola'ey ty ijebañañe
aze; ze anjoanjoa' o azey, sekele lime ty vili'e an-tsekelen-toe-miavake (gerà roapolo
zay). 17 Fe tsy havaha' areo ze valohan' anak' añombe naho valohan' anak' añondry
naho ty valohan' anak' ose, fa miavake. Hadasi' areo añariari' i kitreliy ty lio vaho
hisoroña'o ty safo'e ho enga olorañe, hàñin-kanintsiñe am' IEHOVÀ. 18 Le ho azo o
hena'eo, ho azo hambañe amy tratran-kelahelay naho i tso'e havanay. 19 Ze enga
avoañe amo raha miavake engae' o ana' Israeleo am' IEHOVÀo le fa natoloko azo

naho amo ana-dahi’oo naho amo anak’ ampela’o mindre ama’oo ho fañè tsy modo,
ho fañinan-tsira nainai’e ama’o naho amo tarira’oo añatrefa’ IEHOVÀ.
20 Le hoe t’IEHOVÀ amy Aharone: tsy hanan-dova an-tane’ iareo rehe, naho tsy
hanañ’ anjara am’ iereo ao; Zaho ro anjara’o naho lova’o amo ana’ Israeleo.
21 Naho o nte-Levio, toe nitolorako ze fonga fahafolo’ Israele ho fanañañe hasolo
ty fitoroñañe itoroña’ iareo, ty fitoloñañe an-kibohom-pamantañañe ao. 22 Tsy ho
harinè’ o ana’ Israeleo ka i kibohom-pamantañañey henane zao tsy mone hivave
hakeo vaho hivetrake. 23 O nte-Levio avao ty hifanehak’ amo tolon-draha’ i kibohom-
pamantañañeio, le ho vavè’ iereo o hakeo’eo; ho fañè nainai’e amo hene tarira’
areo mifandimbeo, f’ie tsy hanan-dova añivo o ana’ Israeleo, 24 amy te nitolorako ty
fahafolo avì’ o ana’ Israeleo ho engan-kavoañe am’ IEHOVÀ, ie ty lova natoloko amo
nte-Levio, toe vinolako t’ie tsy hanan-dova amo ana’ Israeleo.
25 Le nitsara amy Mosè t’IEHOVÀ nanao ty hoe: 26 Saontsio amo nte-Levio ty hoe:
Naho rambese’ areo amo ana’ Israeleo i fahafolo natoloko anahareo ho lova’areoy, le
añengào enga-kavoañe am’ IEHOVÀ ty fahafolo’ i fahafoloy. 27 Le ho volilieñe ama’
areo hambañe amy t’ie i mahakama boak’ an-toe-pamofohañey; naho te boak’ ami’ty
hapea’ i fipiritan-divaiy i enga havi’ areoy. 28 Aa le havi’ areo ho am’ IEHOVÀ ty
enga-kavoañe boak’ amo fahafolo rambese’ areo amo ana’ Israeleo le i enga-kavoañe
navike ho am’ IEHOVÀy ty hatolo’ areo amy Aharone mpisoroñe. 29 Amo hene enga
atolotse ama’ areoo, le havi’ areo ze havìke am’ IEHOVÀ; ze hene soa ama’e naho ty
miavake ama’e. 30 Aa le ano ty hoe: Naho avi’ areo ty soa ama’e, le ho volilieñe amo
nte-Levio ho mahakama nasisa an-toe-pamofohañe ey naho ty fitomboa’ i fipiritan-
divaiy. 31 Azo’ areo kamaeñe ndra aia aia zay, inahareo naho o keleia’ areoo amy
te tambe’ areo ty amy fitoloña’ areo amy kibohom-pamantañañeiy. 32 Aa kanao avi’
areo ty soa ama’e le tsy hivavea’ areo hakeo, vaho ko leore’ areo o enga’ miava’ o
ana’ Israeleoo tsy mone hivetrake.

# 19

*Ty Kiloa-mena*
1 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè naho i Aharone: 2 Intoy ty fañèm-pètse linili’
IEHOVÀ: Misaontsia amo ana’ Israeleo ty hindesa’ iareo kiloa mena tsy aman-kandra
ndra hila mbe lia’e tsy nanampezan-joka. 3 Atoloro i Elazare mpisoroñe, le hasese’e
alafe’ i tobey ho lentaeñe añatrefa’e; 4 le hangala’ i Elazare an-drambo-pità’e ty
lio’e, vaho hafitse’e impito aolo’ i Kibohom-pamantañañey. 5 Le horoañe am-
pahaisaha’e i kiloay: Fonga forototoeñe ty holi’e, ty nofo’e, ty lio’e vaho ty tai’e.
6 Le handrambe mendorave naho seva naho fole mena mañabarà i mpisoroñey vaho
hatora’e añate’ i afo mamorototo i kiloaiy. 7 Ho sasà’ i mpisoroñey amy zao o saro’eo,
le hampiandroe’e an-drano i sandri’ey, vaho himoak’ an-tobe ao; fa haleotse am-para’
te hariva i mpisoroñey. 8 Hanasa o siki’eo naho hiandro an-drano ka i nañoro azey,
ie tsy halio am-para’ te hariva. 9 Le havori’ t’indaty malio ty laveno’ i kiloay vaho
hahaja’e an-toetse malio alafe’ i tobey ey, naho havandroñe ey ho amy valobohò’
o ana’ Israeleoy, ho ami’ty ranom-pandeorañe, toe fañeferan-kakeo. 10 Hanasa ty
siki’e i namory o lavenokeoy le tsy halio ampara’ te haleñe: ho fañè nainai’e tsy
modo amo ana’ Israeleo naho amo renetane mpimoneñe am’ iereoo. 11 Ze mitsapa
lolo, ndra t’ie fate’ ia’ia, ro haleotse fito andro. 12 Hañefe’ batañe amy ranoy re
ami’ty tsy haliova’e ami’ty andro fahatelo naho ami’ty andro faha-fito vaho halio;
f’ie tsy mañefe-batañe amy andro fahateloy naho amy andro fahafitoy le tsy halio.
13 Ze mitsapa lolo, ty fañova’ ondaty mate, vaho tsy mañefe-batañe, le mandeotse ty
kivoho’ IEHOVÀ. Haitoañe am’ Israele indatiy. Tsy halio re amy te tsy nafitse ama’e i

rano-piambahañey, tambats’ ama’e i haleora’ey. 14 Zao ty fetse te mivetrak’ añ’akiba
ao t’indaty: ze mizilik’ añ’akiba ao naho ze am-po’e ao ro songa maleotse fito andro,
15 maleotse ka ze fanake tsy mitakoñe soa. 16 Ze mitsapa ondaty vinonom-pibara
an-kivoke ey ke ondaty mate avao, he taola’ ondaty, hera kibory, le haleotse fito
andro. 17 Aa naho i maleotsey: hangalañe ty laveno’ i namorototoañe ho fañeferan-
kakeoiy, vaho añiliñan-drano malio ty fitovy; 18 ho rambese’ t’indaty malio ty seva le
halò’e amy ranoy vaho hafitse’e amy akibay naho amo fanake iabio naho am’ ondaty
nizoeñeo naho amy nitsapa o taolañeo ndra i vinonoy ndra i loloy ndra i kiboriiy.
19 Hafitse’ i malioy amy tsy malioy ami’ty andro fahatelo naho ami’ty andro faha-
fito; ie amy andro faha-fitoy ro hiefetse, le ho sasà’e o siki’eo vaho hiandro an-drano,
le halio te harivay. 20 Fe t’indaty maleotse tsy miefetse amy haleora’ey, le haitoeñe
amy valobohòkey indatiy, amy te nileore’e ty efe-miava’ Iehovà. Tsy nafitse ama’e
i rano-kaleorañey; maleotse re. 21 Fañè nainai’e ho a iareo zay. Hanasa ty siki’e
i namitse i rano-kaleorañey, vaho haleotse am-para’ te hariva ze mitsapa i rano-
kaleorañey. 22 Haleotse ze raha tsinapa’ i maleotsey, le haleotse am-para’ te haleñe
t’indaty nitsapa aze.

# 20

*Ty Rano i Meribà*
*Avo 17.1-7*

1 Nimoak’ am-patram-bei’ i *Tsine eo o ana’ Israeleo, i valobohòkey, amy volañe
valoha’ey le nitobe e Kadese; nihomake eo t’i Miriame vaho nalenteke.

2 Tsy nanan-drano i valobohòkey le nifanontoñe hiatreatre amy Mosè naho i
Aharone. 3 Le nifandietse amy Mosè ondatio, ami’ty hoe, Hamake t’ie nivetrak’ amy
nikoromaha’ o longo’aio añatrefa’ Iehovày! 4 Aa vaho ino ty nanesea’o mb’ am-
patrambey mb’etoy ty fivori’ Iehovà, hibanitse etoañe, zahay naho o hare’aio? 5 Le
ino ty nañakara’o anay an-tane Mitsraime añe, hanese anay an-toetse raty atoy? ie
tsy mahalefe ampemba ndra sakoañe ndra vahe ndra dagoa†, mbore tsy aman-drano
hinomañe. 6 Aa le nienga i valobohòkey t’i Mosè naho i Aharone niheo mb’amy
lalan-kibohom-pamantañañey mb’eo; le nibabok’ an-daharañe vaho nisodehañe am’
iereo ty enge’ Iehovà. 7 Le nitsara amy Mosè t’Iehovà nanao ty hoe: 8 Rambeso
i kobaiñey; le atontono i valobohòkey, ihe naho i Aharone rahalahi’o. Saontsio
añatrefam-pihaino’ iareo i vatoy hañakatse ty rano’e, hamahana’o rano boak’ amy
vatoy, hampinoma’o iareo naho o hare’ iareoo.

9 Aa le rinambe’ i Mosè i kobay añatrefa’ Iehovày, amy nandiliañe azey. 10 Le
navori’ i Mosè naho i Aharone añatrefa’ i vatoy i fivoriy, le nanoe’e ty hoe, Mitsen-
dreña, ry mpiolao. Hañakara’ay rano boak’ ami’ty vato tia hao? 11 Aa le naonjo’ i
Mosè ty fità’e naho finofo’e indroe amy kobai’ey i vatoy, vaho nidoandoañe boak’ ao
ty rano bey le ninon-drano i valobohòkey naho o hare’eo. 12 Fe hoe t’Iehovà amy
Mosè naho i Aharone, Amy te tsy nonjone’ areo hampiboak’ amo ana’ Israeleo o
hamasiñakoo, le tsy hendese’ areo hizilik’ an-tane natoloko iareo ao ty fivory tia.
13 Ie o Ranom-‡Piolañeo amy te nikotreke am’ Iehovà o ana’ Israeleo, ie fa nivente’e
am’ iareo ty hamasiña’e.

14 Aa le nañitrik’ ami’ty mpanjaka’ i Edome boake Kadese t’i Mosè. Hoe ty
rahalahi’o Israele: Fohi’o o hasotriañe iaby nifetsak’ ama’aio: 15 ty nizotsoa’ o rae’aio
mbe Mitsraime mb’eo, ty nimoneña’e añe andro maro, vaho te namorekeke anay
naho o rae’aio o nte-Mitsraimeo. 16 Aa ie nikaike Iehovà le jinanji’e o fiarañanaña’aio
vaho nirahe’e i Anjeli’ey ninday anay niavotse i Mitsraime; le ingo t’ie e Kadese

* 20:1 Tsine: pisake † 20:5 Dagoa: ampongabeindañitse ‡ 20:13 Heb: Rano’ i Meribà

atoy henaneo, ty rova añ’ olon’ efe-tane’o atoy. 17 Aa ehe meo lalan-jahay hitoañe
o tane’oo. Tsy hiranga teteke ndra tanem-bahe, le tsy ho kamae’ay ty rano boak’
am-bovo’ areo ao; fa horihe’ay i Karanangam-Panjakay, vaho tsy hivio mañavia ndra
mañavana ampara’ te losore’ay o fehe’oo.
18 Aa hoe ty asa’ i Edome ama’e, Tsy hiranga ty tane’ay nahareo, tsy mone
hiavota’ay am-pibara. 19 Le hoe o ana’ Israeleo tama’e, I Karanangay avao ty
handenako, aa naho hinome’ay o rano’oo, zaho ndra o harekoo, le havahako ty vili’e;
adono hirangàko an-tomboke tsy hampianto. 20 Fe hoe re, Tsy hiranga nahareo.
Le niavotse mb’am’ iareo mb’eo ty Edome an-dahin-defo maro vaho am-pitàñe
maozatse. 21 Aa le nifoneñe t’i Edome tsy nanolora’ o fehe’eo lalañe hitsake t’Israele;
aa le nivioñe añe t’Israele.

*Ty Havilasi’ i Aharone*

22 Niavotse i Kadese iereo, le niporopotìtse e Vohi-Hore o ana’Israeleo—i val-
obohòke iabiy. 23 Le nanao ty hoe amy Mosè naho amy Aharone t’IEHOVÀ e Vohi-Hore
ey, añ’efe-tane’ i Edome eo: 24 Hatontoñe am’ ondati’eo t’i Aharone, ie tsy hizilike
amy tane natoloko amo ana’ Israeleoy, amy te niola amy volakoy nahareo an-drano’
i Meribà añe. 25 Endeso t’i Aharone naho i ana’e Elazare vaho aseseo mañambone’ i
Vohi-Horey mb’eo, 26 le abolio amy Aharone o saro’eo naho asaroño amy Elazare ana-
dahi’e fa hatontoñe t’i Aharone toe hivetrake. 27 Aa le nanoe’ i Mosè i linili’ IEHOVÀy
vaho niañambone ty Vohi-Hore ampahaisaha’ i valobohòke iabiy. 28 Nafaha’ i Mosè o
saro’ i Aharoneo naho nasaro’e amy Elazare ana’e, le nihomake andengo’ i vohitsey
t’i Aharone, vaho nizotso amy vohitsey t’i Mosè naho i Elazare. 29 Aa ie nirendre’
i valobohòke iabiy te nivilasy t’i Aharone, le fonga nandala aze telopolo andro ty
anjomba’ Israele.

# 21

*Ty Mereñe Torisìke*

1 Ie jinanji’ i Arade Mpanjaka nte-Kanàne nimoneñe Atimo añe te niary mb’e
Atarime mb’eo t’Israele, le nialy am’ Israele re vaho nendese’e am-bahotse ty ila’e.
2 Aa le nifanta am’ IEHOVÀ t’Israele nanao ty hoe, Naho toe hasese’o am-pità’ay ondaty
rezao le fonga harotsa’ay o rova’eo. 3 Nihaoñe’ IEHOVÀ ty fiarañanaña’ Israele le
nasese’e ama’e o nte-Kanàneo; fonga finongo’ iareo o rova’eo; vaho natao *Kormà
i taney. 4 Niavotse boak’ am-Bohi-Hore eo le nionjoñe mb’ an-dalañe migodañe
mb’amy Ria-Binday mb’ eo, hiariañe i tane’ Edomey; fe nahangoae ondatio i liay.
5 Le nañinje an’ Andrianañahare naho i Mosè ondatio ami’ ty hoe: Aa vaho akore t’ie
nindesa’o niakatse i Mitsraime hivetrake am-patrambey atoy, ie tsy ama’ mahakama
ndra rano naho mampangorý anay ty mofo maivañe toy. 6 Aa le nañiraha’ IEHOVÀ
merem-boreke ty añivo’ ondatio ze nañehetse ondaty vaho maro amo ana’ Israeleo
ty nifitake. 7 Aa le nimb’ amy Mosè mb’eo ondatio nanao ty hoe: Nandilatse ami’
ty nañinjea’ay azo naho IEHOVÀ; ihalalio am’IEHOVÀ ty hanintaha’e o mereñeo. Aa
le nihalaly ho a ondatio t’i Mosè. 8 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè, Itseneo sare merem-
boreke le asampezo ami’ty bodan-katae; le ho veloñe ze hene ondaty nihehereñe,
mitalahatse ama’e. 9 Aa le namboare’ i Mosè an-torisìke i mereñey naho nasampe’e
an-katae, aa naho nihehetse ondaty ty mereñe, ie nañente i mereñe torisìkey le
niveloñe. 10 Nionjoñe amy zao o ana’ Israeleo le nitobe e Obote. 11 Niavota’ iareo
ty Obote vaho nitobe e Iai’haabarime, am-patrambey atiñana’ i Moabe mb’ am-
panjirihan’ andro mb’eo. 12 Nionjoñe boak’ ao iereo le nitobe am-Bavatane’ i Zerede
ao. 13 Hirik’ ao iereo niavotse vaho nitobe alafe’ i Arnone amy fatrambey mifototse

* **21:3** Kormà: kila fongotse

an-tane' o nte-Emoreoy; amy te efe-tane' i Moabe i Arnoney, mañefetse i Moabe amo nte-Emoreo. 14 Zay ty nanoeñe amo Boke' o Ali' IEHOVÀoo ty hoe: Oahebe e Sofà, o toraha' i Arnoneo, 15 naho ty teva' o torahañeo ze mivariñe mb'an toe' i Are, naho miefetse amy Moabe. 16 Ie hirik' ao nimb'e Bire mb'eo, i vovoñe nitsarae' IEHOVÀ amy Mosèy ty hoe, Atontono ondatio hanjotsoako rano. 17 Le hoe ty nisaboe' Israele: Mivoaña ry vovoñeo, isabo!
18 ty vovo nalente' o talèo,
hinali' ty roandria' ondatio,
an-kobaiñe, an-tsara' i Mpandily.
Ie boak'am-patrambey ao le nañavelo pak'e Matanà, 19 le boake Matanà mbe
Mahaliele mb'eo, le hirike Mahaliele mb'e Bamote mb'eo, 20 vaho boake Bamote ambavatane' i Moabe mb' an-dengo' i Pisgà mitolike mb'amy ratraratray añe.

### *Gioke t'i Sihone*
### *Its 2.26-37*

21 Le nañitrike mb'amy Sihone mpanjaka' o nte-Emoreo t'Israele, nanao ty hoe:
22 Adono hiranga ty tane'o zahay. Tsy hivìke mb' an-teteke ndra mb' an-tane-bahe; tsy hikama rano am-bovoñe. Hañorike i Karanangam-Panjakay avao ampara' te losore'ay ty efe-tane'o. 23 F'ie tsy napo' i Sihone hiranga i efe'ey. Aa le natonto' i Sihone ondati'e iabio vaho niavotse haname Israele am-patram-bey ey, le nivotrake e Iàhatse re naialy am' Israele. 24 Zinevo' Israele an-delam-pibara vaho tinava'e i tane'ey boak' amy Arnoney pak' ami' ty Iaboke naho pak' amo nte-Amoneo amy te fatratse ty efe-tane' o ana' i Amoneo. 25 Aa le fonga rinambe' Israele o rova'eo vaho songa nimoneña' Israele o rova' o nte-Emoreo, e Khesbone naho o hene anadrova'eo. 26 Nirova' i Sihone mpanjaka' o nte-Emoreo ty Khesbone; niazo'e te nialy amy mpanjaka' i Moabey taoloy vaho fonga rinambe'e i tane'e pak'amy Arnoney.
27 Aa le hoe ty onin-tsaontsin-droae:
Antao mb'e Khesbone mb'eo, hamboatse naho hañafatratse ty rova' i Sihone
28 Fa niakatse i Kesobone ty afo,
lel' afo boak' an-drova' i Sihone,
nagodra'e i Are' i Moabey
o talen-kaboa' i Arnoneo.
29 Hekoheko ama'o ry Moabe,
Rinotsake nahareo nte-Kemose:
napo'e ho gike o ana-dahi'eo,
naho o anak'ampela'eo ho mpirohi'
i Sihone, mpanjaka' i Emorey.
30 Linihi'ay ambane iereo:
Nihomake t'i Khesbone pak'e Dibone,
le natsafe'ay pak'e Nofà,
naho pak'e †Medebà.
31 Aa le nimoneñe an-tane' Emore ao t'Israele. 32 Nampihitrife' i Mosè ty hitingañe
Ia'azere le rinambe'e o tanà'eo vaho nanoe'e soike ze nte-Emore tao.

### *Gioke t'i Oge*
### *Its 3.1-22*

33 Nitsile iereo, nañavelo an-dalañe mb'e Basane mb'eo; le niavotse hifanalaka am'iareo t'i Oge mpanjaka' i Basane rekets' ondati'e iabio, hañotakotake e ‡Edrey.
34 Aa hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, Ko ihembaña'o, fa natoloko am-pità'o rekets' ondati'e iabio naho i tane'ey. Ano ama'e hambañe amy nanoa'o amy Sihone mpanjaka' o

† 21:30 Medebà: hadeongaritse ‡ 21:33 Edrey: fiandrazañe

nte-Emore nimpifehe’ i Khesboneoy. 35 Aa le zinevo’ iareo naho o ana-dahi’eo naho
ondati’eo, ampara t’ie tsy aman-tsengaha’e vaho rinambe’iereo i tane’ey.

# 22

*Kinoi’ i Balake t’i Balame*

1 Nionjom-beo o ana’Israeleo nitobe an-tanemira’ i Moabe alafe’ Iardene tandrife
Ierikò ey. 2 Ie amy zao hene nioni’ i Balak’ ana’ i Tsipore i nanoe’ Israele amo
nte-Emoreoy. 3 Aa le nirevendreveñe am’ondatio t’i Moabe kanao ninihanìha ty
hamaro’e; le nanembetse i Moabe o ana’ Israeleo. 4 Aa le hoe ty Moabe amo roandria’
i Midianeo, Fonga ho tselà’ i lahialeñey ze mañohoke an-tika manahake ty famelehan’
añombe o ahetse an-kivok’ ey. Mpanjaka’ o nte-Moabeo henane zay t’i Balak’ ana’
i Tsipore. 5 Le nampisangitrife’e mb’amy Balame ana’ i Beore e Petore añolon-
tsaka’ an-tanen-te-*Arame añe ty irake hikanjiy aze ami’ty hoe: Inao, nivotrake
boake Mitsraime añe t’indaty; hehe t’ie manitsike ty ambone’ ty tane toy vaho mitobe
marine ahiko etoa. 6 Mb’etoa aniany koahe, ozoño ho ahy ondatio, ie manjofake te
amako. Hera ho gioheko le ho soiheñe hiakatse an-tane atoy, fa apotako te soa tata o
tatae’oo vaho fatran-tane o ozoñe’oo.
7 Aa le niavotse mb’eo o roandria’ i Moabeo naho o roandria’ i Midianeo reketse
ty saram-pamorehañe am-pitàñe vaho niheo mb’amy Balame mb’eo ninday ty
nisaontsia’ i Balake. 8 Le hoe re tam’ iereo, mialeña atoy te anito, le hañerem-bolañ’
ama’ areo raho, ze ho tsarae’ IEHOVÀ amako. Aa le nialeñe amy Balame ao o roandria’
i Moabeo. 9 Niheo mb’amy Balame t’i Andrianañahare nanao ty hoe: Ia ondaty
mitraok’ ama’oo? 10 Le hoe t’i Balame aman’ Añahare, Nampañitrike ty saontsy
toy amako t’i Balak’ ana’ i Tsipore: 11 Heheke ondaty hirike Mitsraime añeo: tsitsihe’
iareo ty ambone’ ty tane toy; aa le mb’etoa rehe, ozoño ho ahiko; hera hahalefeako
aly vaho haronjeko añe. 12 Le hoe t’i Andrianañahare amy Balame, Tsy hindreza’o
fañaveloañe; tsy hozoñe’o ondatio fa soa-tata. 13 Aa le nitroatse maraiñe t’i Balame
nanao ty hoe amo roandria’ i Balàkeo, Mimpolia mb’ an-tane’ areo añe, amy te
nifoneñe t’IEHOVÀ tsy nañomey ahy lily hindrezako. 14 Aa le niongake o roandria’ i
Moabeo nimpoly mb’ amy Balàke mb’eo, nanao ty hoe: Tsy nimete nindre ama’ay t’i
Balame.
15 Nañitrik’ ana-donake indraike t’i Balake, ondaty maro naho ambone’ lohàñe te
amo teoo. 16 Aa le niheo mb’ amy Balame mb’eo indaty rey nanao ty hoe, Hoe t’i
Balak’ ana’ i Tsipore, Ko anga’o ndra inoñ’ inoñe ty hisebañe azo tsy homb’ amako
mb’etoa; 17 toe ho rengèko vaho hanoeko ze saontsia’o. Aa le miambane ama’o t’ie
homb’etoa hañozoñe ondatio ho ahiko. 18 Le hoe ty natoi’ i Balame amo mpitoro’
i Balakeo, Ndra te natolo’ i Balak’ amako ty anjomba’e pea volafoty naho volamena
le tsy mete handilatse ty tsara’ IEHOVÀ Andrianañahareko raho hanao ndra inoñ’
inoñe ke t’ie bey he kede. 19 Aa le mialeña amako etoa manahake ty nanoe’ o
ila’eo haharendrehako ze tsara hatovo’ IEHOVÀ amako. 20 Le niheo mb’ amy Balame
amy haleñey t’i Andrianañahare nanao ty hoe ama’e, Aa naho nimb’ama’o mb’
atoy ondatio hikanjy azo, miavota naho indrezo; fe ze entañe hatoloko azo avao ty
hanoe’o. 21 Aa le nañaleñaleñe t’i Balame nanampe fitobohañe amy borìke’ey, vaho
nitrao-dia amo androanavi’ i Moabeo.

*I Balame, i Borìkey naho i Anjeliy*

22 Fe nampamiañe ty haviñeran’ Añahare i fañavelo’ey, vaho nijohañe hikalañe i
lala’ey ty Anjeli’ IEHOVÀ, hiatreatrea’e hoe rafelahy. Ie amy zao niningitse borìke naho
nindre ama’e ty mpitoro’e roe. 23 Nahatrea i Anjeli’ IEHOVÀY nijohañe an-dalañe ey
reketse fibara natsoak’ am-pità’e i borìkey, le nivioñe amy lalañey i borìkey nitsile

* 22:5 Arame: ondati’e

mb’an-tetek’ ao, le finofo’ i Balame ty lafa hampibalik’ aze mb’amy lalañey. 24 Le
nijohañe ami’ ty zitse añivo’ ty tanem-bahe roe ey i Anjeli’ IEHOVÀy, ty kijoly etia
naho ty kijoly etia. 25 Ie nitrea’ i borìkey i Anjeli’ IEHOVÀy le nioza amy rindriñey,
vaho nanindry ty kitso’ i Balame amy rindriñey, aa le linafa’e indraike. 26 Nihànkañe
aolo ey amy zao i Anjeli’ IEHOVÀy nijohañe añ’ oloñoloñe ey, le tsy eo ty hivioñañe
ndra mañavana ndra mañavia. 27 Naho nizoe’ i borìkey i Anjeli’ IEHOVÀy le nibabok’
ambane’ i Balame eo; tsekak’ amy zao ty haboseha’ i Balame le finofo’e an-kobai’e i
borìkey. 28 Aa le sinoka’ IEHOVÀ ty vava’ i borìkey, vaho hoe re amy Balame, Ino ty
nanoeko ama’o kanao linafa’o intelo aniany? 29 Le hoe t’i Balame amy borìkey, Amy
t’ie nanalatse ahy, le nainako te ni-reke-pibara ty tañako henaneo hamonoako azo!
30 Aa le hoe i borìkey amy Balame, Tsy zaho hao o borìke’oo, i niningira’o amo hene
tao’o pake henaneoy? Liliko hao ty manao zao ama’o? Aiy, hoe re.
31 Aa le nampibeahe’ IEHOVÀ ty fihaino’ i Balame naho niisa’e nijohañe amy lalañey
i anjeliy, am-pibara napontsoañe am-pità’e; le nibotreke re nibabok’ an-dahara’e.
32 Le hoe i Anjeli’ IEHOVÀy ama’e, Inoñe ty nijerà’o i borìke’oy in-telo? Nimb’ atoy
raho am-pirafelahiañe, amy te ihe manao hajangaringaria añatrefako. 33 Nitrea’ i
borìkey raho le nivioña’e intelo. Aa naho tsy niholiara’e le toe ho nañe-doza ama’o
raho anianikey vaho ho nengako velon-dre. 34 Le hoe t’i Balame amy Anjeli’ IEHOVÀy,
Nanao hakeo raho fa tsy napotako te nijohañe an-dalañe ey rehe hiatreatre ahy. Aa
naho joy ty am-pihano’o le himpoly raho. 35 Aa le hoe i Anjeli’ IEHOVÀy amy Balame,
Akia, mindreza am’ondaty reo, fe ze entañe volañeko ama’o avao ty ho taroñe’o. Aa
le nañavelo nindre lia amy androanavi’ i Balàke rey t’i Balame.
36 Ie jinanji’ i Balake te fa tsatoke t’i Balame le niavotse mb’e Ire†-Moabe mb’amy
efe-tane efera’ i Arnoney, ty efe’e lavitse ama’e mb’eo hifanalaka ama’e. 37 Le hoe
t’i Balak’ amy Balame, Aa vaho tsy nimaneako hitrike naho kanjy v’iheo? Ino ty tsy
nañaveloa’o mb’amako. Tsy haiko hao ty hiasy azo? 38 Le hoe t’i Balame amy Balake,
Intoy fa ama’o! meteko hao ty hanao ndra inoñ’ inoñe? Tsy mahay tsy ze tsara apon’
Añahare am-bavako ao avao ty ho taroñeko. 39 Aa le nindre lia amy Balake t’i Balame
vaho nipotìtse e ‡Keriat-kozote eo. 40 Nisoroñe añombe naho añondry amy zao t’i
Balake vaho nañitrifa’e t’i Balame naho o androanavy nindre ama’eo. 41 Ie amy
maraiñey le nendese’ i Balake nañambone’ i §Bamà-Baale t’i Balame, le eo re ro
nahatalake ty indra’ ondatio.

# 23

1 Le hoe t’i Balame amy Balake, mandrafeta kitrely fito etoañe vaho hajario ho
ahy ty añombelahy fito naho añondrilahy fito. 2 Le nihenefa’ i Balake i sinaontsi’ i
Balamey; le songa nisoroña’ i Balake naho i Balame amy kitrely rey ty añombelahy
naho ty añondrilahy. 3 Le hoe t’i Balame amy Balake, Mijohaña marine o isoroña’oo
le hivìke raho hera hifampikaoñe amako t’IEHOVÀ, le hatalililiko azo ze hatoro’e ahiko.
Aa le nimb’ an-kaboa mb’eo re. 4 Le nifañaoñe amy Balame t’i Andrianañahare,
vaho hoe t’i Balame ama’e. Fa hinajariko ty kitrely fito naho songa nisoroñako
añombelahy naho añondrilahy amy kitreli’e rey. 5 Napo’ IEHOVÀ am-palie’ i Balame
ao ty tsara, ami’ty hoe, Mibaliha mb’ amy Balake mb’eo le inao ty ho saontsie’o. 6 Le
nibalike mb’ama’e mb’eo re nanjo aze nijohañe marine o nisoroña’eo, ie naho ze
hene roandria’ i Moabe. 7 Le nonjone’e ami’ ty hoe i fandrazaña’ey:
Fa ninday ahy boak’ Arame
t’i Balake mpanjaka’ i Moabe;
hirik’ amo vohitse atiñanañ’eñeo.

† 22:36 Ir: Fijilojilovañe ‡ 22:39 Kiriat-kozote: rova aman-dalambey § 22:41 Bamà-Baale: haboan-drahare Baale

Mahavia, Ozoño ho ahiko t'Iakòbe,
Mb'etoa onjiro t'Israele!
8 Aa vaho akore ty hamàrako
ty tsy nafàn' Añahare?
Vaho akore ty hañonjirako
i tsy nonjira' IEHOVÀy?
9 Ie talakeko boak' ambone' vato ey,
sinambako hirik' ankaboañey;
Hehe t'indaty mizoizoy,
tsy ho volilieñe amo kilakila 'ndatio!
10 Ia ty mahaiake ty debo' Iakòbe
ndra hamolily ty fah' efa' Israele?
Apoho raho hikenkañe
am-pihomaha' o vantañeo,
Ehe ampanahafo amy firompoa'ey ty ahiko.
11 Le hoe t'i Balak' amy Balame, Ino ty nanoe'o amako? Nendeseko mb' etoan-
drehe hañozoñe o rafelahikoo te mone nitatae'o avao. 12 Le tinoi'e ami'ty hoe, Tsy
hambenako hao ty hivolañe ze apo' IEHOVÀ am-bavako ao?

*Fetse' i Balame faharoe*

13 Le hoe t'i Balake tama'e, Antao mb' an-toetse raike ey hahatalakesa'o aze; ty
ila'e avao ro ho oni'o fa tsy ie iaby, le ozoño boak' ao ho ahiko. 14 Aa le nendese'e
mb'an-tete' i *Tsofime mb'eo re ankaboa' i Pisgà ey naho nañoreñe kitrely fito, vaho
nisoroñe añombelahy naho añondrilahy amy kitreli'e rey. 15 Le hoe re amy Balake,
Mijohaña etoa marivo o isoroña'oo, le homb' aroan-draho, hifañaoñe. 16 Nifampi-
kaoñe amy Balame t'IEHOVÀ le nampipoke ty tsara am-palie'e naho nanao ty hoe:
Mibaliha mb'amy Balake mb'eo vaho isaontsio zay. 17 Aa le nimb' ama'e mb'eo vaho
nizoe'e nijohañe amy nisoroña'ey rekets' o roandria' i Moabeo. Le hoe t'i Balak'
ama'e, Inoñe ty nitsarae' IEHOVÀ? 18 Aa le nonjone'e ami'ty hoe i razan-tsaontsi'ey:
Miongaha ry Balake, mijanjiña!
Anokilaño ravembia ry ana' i Tsipore.
19 Tsy ondaty t'i Andrianañahare t'ie handañitse,
naho tsy ana'ondaty t'ie haneñeñe.
Aa vaho tsy hanoe'e i nitsarae'ey?
tsy ho henefe'e hao i nitaroñe'ey?
20 Ingo nanoloran-dily hitata raho;
aa kanao ie ro nitata tsy meteko afotetse.
21 Tsy nahaoniña'e hakeo t'Iakòbe
tsy nahaisaha'e tahiñe t'Israele.
Ama'e t'IEHOVÀ Andrianañahare'e,
naho ama'e ao ty koim-panjaka.
22 I Andrianañahare nampienga aze
amy Mitsraimey,
ro tsifan-drimo abo ama'e.
23 Toe tsy atreatrem-boreke t'Iakòbe
vaho tsy trean-tsikily t'Israele,
Ie henaneo ro tsaraeñe
ty am' Iakòbe naho am'Israele, ty hoe:
Heheke ty nanoen'Añahare.
24 Hitroatse hoe liona vave'e ondatio,

* **23:14** Tsofime: Mpijilo

hiongake hoe liona lahi’e:
Tsy handre am-para’ t’ie
mihinan-tsindroke
vaho minoñe ty lio’ i vinonoy.
25 Le hoe t’i Balak’ amy Balame, Ko ozoñe‘o ka, naho ko itata’o. 26 Fe hoe ty navale’ i
Balame i Balake, Tsy vinolako hao te ze tsarae’ IEHOVÀ, le tsy mete tsy zay ty hanoeko?
27 Le hoe t’i Balak’ amy Balame, Antao, fa hendeseko mb’an-toetse raike ka rehe hera
ho non’ Añahare ty hañozoñe iareo ho ahiko boake ey. 28 Le nendese’ i Balake mb’
an-dengo’ i Peore, ahatalakesañe mb’ am-patrambey eñe, t’i Balame. 29 Le hoe t’i
Balame amy Balake, Añoreño kitrely fito ty etoy vaho añajario añombelahy fito naho
añondrilahy fito. 30 Le nanoe’ i Balake i sinaontsi’ i Balamey vaho songa nisoroña’e
an-kitrely ty añombelahy naho ty añondrilahy.

# 24

1 Aa kanao nioni’ i Balame te ninò’ IEHOVÀ ty hitata Israele le tsy nisikilie’e
nanahake i lili’ey fe nampitolihe’e mb’ am-patrambey eñe ty lahara’e. 2 Aa naho
niandra t’i Balame le nioni’e t’Israele nimoneñe an-kiboho’e ey nilahatse amo
fifokoa’eo; le nivotrak’ ama’e ty arofon’ Andrianañahare; 3 vaho nonjone’e ami’ty
hoe ty razan-drehake,
Hoe ty fetse’ i Balame ana’ i Beore,
naho ty lañona’ ondaty
am-pihaino misokake.
4 Ty enta’ ondaty mahajanjiñe
ty tsaran’Añahare,
naho mahaisake ty aroñaro’ i El-Sadai*, mibaboke
fe am-pihaino mibolanake:
5 Fanjaka o kiboho’oo ry Iakòbe
naho o kivoho’oo ry Israele.
6 Mivelatse hoe vavatane,
hoe kodobo añ’olon-tsaka,
hoe vahoñe nambole’ IEHOVÀ
hoe mendoraveñe añ’olon-drano.
7 Hidoandoan-drano o sihoa’eo
naho ho an-drano maro o tabiri’eo.
Mitoabotse ambone’ i Agage ty mpanjaka’e
vaho onjoneñe i fifehea’ey.
8 Manahake ty tsifan-drimo mitiotiotse
t’i Andrianañahare nampiavotse aze amy Mitsraime.
Hampibotseke ze tane malaiñe aze
hampipozapozake o taola’eo,
hamptrofahe’e amo ana-pale’eo.
9 Nitsakononòke re,
nanao fandrean-diona
naho hoe liona rene’e, ia ty hampitsekak’ aze?
Hene soa tata ze mitat’azo
Fonga ozoñeñe o mañozoñ’azoo.
10 Nisolebotse amy Balame amy zao ty habose’ i Balake, le nifampitrabohe’e o
fità’eo, naho hoe t’i Balak’ amy Balame, Nikanjiako hañozoñe o rafelahikoo, vaho
hehe te nitsitsihe’o tata in-telo. 11 Mibioña arè mb’ an-toe’o añe, ie ho nonjoneko
andikerañe eñe ty asi’o; te mone kinala’ IEHOVÀ i ho ni-enge’oy. 12 Le hoe t’i Balame

* 24:4 Andriampañotroñe, kila lefe’e

amy Balake, Tsy vinolako hao o ìra'o nampihitrife'o amakoo ty hoe, 13 Ndra te hatolo'
i Balak' ahiko ty volafoty naho volamena mahaatseke i anjomba'ey, tsy ho likoareko
ty falie' IEHOVÀ, hanoako ty soa ndra ty raty boak' an-troko, fa ze nitsarae' IEHOVÀ
ty ho taroñeko? 14 Aa le himpoliako ondatikoo henaneo, fe adono hey hitoroako ty
hanoe' ondaty reroañe am'ondati'oo amo andro ampara'e añeo.

*Fitokia' i Balame Fahefatse*

15 Aa le nonjone'e ami'ty hoe i fandrazaña'ey:
Ty lañona' i Balame ana' i Beore,
ty taro' ondaty am-pihaino nabeake.
16 Ty kora' i mpijanjiñe
o tsaran' Añahareoy,
vaho ama'e ty fahafohinañe
i Andindimoneñey,
Oni'e ty aroñaro' i El-Sadai
mibaboke fe am-pihaino mibeake:
17 Treako fa tsy henaneo;
misamb' aze raho fe tsy mitotoke;
hiboak' am' Iakòbe ty vasiañe;
hionjoñe hirik'am' Israele ty kobaiñe,
ho demohe'e o olon-tane' i Moabeo
le fonga ho rotsahe'e o anam-pifandrakarakañeo.
18 Ho fanañañe t'i Edome,
ho hanaña' o rafelahi'eo t'i Seire,
le hitoloñ' an-kafatrarañe t'Israele.
19 Hiboak' am' Iakòbe ty hifehe,
handrotsake ty sehanga' i Are.
20 Ie nitalakese'e t'i Amaleke le nonjone'e ty fetse'e ami'ty hoe:
Nilohà' o kilakila taneo t'i Amaleke,
Fe hamongorañe ty ho figadoña'e.
21 Nisambae'e amy zao o nte-Keineo, vaho nañonjona'e fetse ami' ty hoe:
Fatratse o fimoneña'oo
naho mioreñe an-damilamy eo ty akiba'o;
22 fe ho forototoeñe t'i Kàine;
ampara' mbia te ho tana' i Asore an-drohy?
23 Le nonjone'e ty fetse'e nanao ty hoe:
Hedey! Ia ty ho veloñe
naho akipen' Añahare?
24 Hitotsak' eo o lakambey hirik'
añ'olo' i Ketio,
ho silofe' iareo t'i Asore
naho hampiambane'e t'i Aibere,
ampara' t'ie mongotse nainai'e.
25 Aa le niongake t'i Balame, nienga, naho nimpoly mb'an-toe'e añe; vaho nimb'
amy lia'e mb'eo ka t'i Balake.

## 25

*Fiambaneañe amy Baale' i Peore*

1 Nitobe e Setime eo t'Israele le niorotse nanao hakarapiloañe amo ampela' i
Moabeo ondatio. 2 Nambarañe ondatio hiatreke ty fisoroña' iareo amo ndrahare'
iareoo, le nikama ao ondatio vaho nibokoboko amo ndrahareo. 3 Aa kanao niharo

baoñe amy Baale t'Israele le nisolebotse am' Israele t'IEHOVÀ. 4 Aa le hoe t'IEHOVÀ amy
Mosè, Endeso o talè' ondatioo vaho aradoradò an-tariñandroke eo añatrefa' IEHOVÀ
o nandilatseo hisitaha' ty haviñerañe miforoforo' IEHOVÀ am' Israele. 5 Aa le hoe t'i
Mosè amo mpizaka' Israeleo, Songa mamonoa ze ondati'e nitrao-baoñe amy Baale' i
Peoreo.
6 Inge henane zay, te nimb'eo ty ana' Israele ninday ty ampela nte-Midiane mb' amo
longo'eo ampahaisaha' i Mosè, naho am-pahaisaha' i valobohò' Israeley, ie nirovetse
an-dalam-pimoahañe an-kibohom-pamantañañe eo. 7 Aa naho niisa' i Pinekase ana'i
Elazare ana' i Aharone mpisoroñe, le niongake nienga i valobohòkey ninday lefoñe
am-pità'e; 8 le norihe'e pak' an-kiboho'e ao indati' Israeley vaho tinombo'e i roroey;
tineñateña'e indati' Israeley naho i ampelay, le nitsamantak' am-pisafoañe. Aa
le nijihetse ty angorosy añivo' o ana'Israeleo. 9 Ro'ale-tsi-efats' arivo ty navetra' i
angorosiy.
10 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: 11 Fa nampihankañe' i Pinekase ana' i
Elazare, ana'i Aharone Mpisoroñe amo ana' Israeleo ty haboseko amy t'ie nahimbañe
amo fahimbañako añivo' iareo ao, le tsy nampangotomomoheko o ana' Israeleo
amy famarahiakoy. 12 Le hoe raho: Atoloko aze ty fañinam-panintsiñako, 13 naho
ty fañinam-pisoroñañe tsy modo, ho aze naho o tarira'e manonjohy azeo; amy t'ie
nimpamarahy aman' Añahare'e le nefere'e o ana' Israeleo.
14 Ty tahina' indati' Israele tinomboke nindre amy ampela nte-Midianeiy, i Zimrý
ana' i Salò, mpiaolo' ty anjomban-droae' o nte-Simoneo. 15 Le ty añara' i ampela
nte-Midiane vinonoy, i Kozbý ana' i Tsore mpiaolo' ty anjomban-droae'e e Midiane
ao.
16 Aa hoe t'IEHOVÀ amy Mosè, 17 Hehero o nte-Midianeo le rotsaho; 18 amy te
nihehera' iereo ami'ty fikiniàm-pamañahia' iareo amy Peore naho amy Kozbý, ana'
i mpiaolo nte-Midianey, rahavave' iareo tinomboke tañ'andro' i angorosy e Peorey.

# 26

*Famoliliañe o Mpirai-nono Vaoo*

1 Ie añe i angorosiy le nitsara amy Mosè naho i Elazare ana' i Aharone mpisoroñe
t'IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 Volilio o valobohò' Israeleo, ze roapolo taoñe mañambone,
amo anjomban-droae' iareoo, ze hene mahafiatrek' aly e Israele ao. 3 Aa le nisaontsy
am' iereo t'i Mosè naho i Elazare a montom-bei' i Moabe marine' Iardeney tandrife
Ierikò, ami' ty hoe: 4 Volilio ondatio, ze roapolo taoñe mañambone, ami'ty nandilia'
IEHOVÀ i Mosè, naho o ana' Israele niavotse an-tane Mitsraimeo:
5 I Reòbene ty tañoloñoloña' Israele. O tarira' i Reòbeneo: boak' amy Hanoke, o
nte-Hanokeo; boak' amy Palò o nte-Palòo, 6 boak' amy Ketsrone o nte-Ketsroneo, boak'
amy Karmý o nte-Karmio. 7 Zao o hasavereña' o nte-Reòbeneoo: ze niaheñe ama'e ni-
efats' ale-tsi-telo-arivo-tsi-fiton-jato-tsi-telopolo. 8 Le o tarira' i Palòo: i Eliabe, 9 o ana'i
Eliabeo: i Nemoele, i Datane, i Abirame nisolom-bata' i valobohòkeiy nirekets' amy
Korahke, ie niola amy Mosè naho i Aharone vaho niola am' IEHOVÀy, 10 ie nanokafa'
i taney vava, nampigedrañ'e i Korahke naho nañomake i màroy, vaho namorototo
indaty roanjato-tsi-limampolo rey añ'afo, hanjaria' iareo hatahata. 11 Fe tsy nihomake
o ana' i Korahkeo.
12 O tarira' i Simone amo hasavereña'eoo boak'amy Nemoele o nte-Nemoeleo, boak'
am' Iamine o nte-Iamineo, boak' am' Iakine o nte-Iakineo, 13 boak'amy Zerake o nte-
Zerakeo, boak' amy Saòle o nte-Saòleo; 14 zao o hasavereña' i Simoneo: ro' ale-tsi-ro'
arivo-tsi-roan-jato.
15 O tarira' i Gade amo hasavereña'eoo: boak' amy Tsefone o nte-Tsefoneo, boak'
amy Kagý o nte-Kagio; boak' amy Soný o nte-Sonìo; 16 boak' amy Ozný o nte-Oznio,

boak’ amy Airý o nte-Airio; 17 boak’ amy Arode o nte-Arodeo, boak’ amy Arelý o nte-
Arelio; 18 zao o hasavereña’ i Gadeo, amo niaheñe ama’eo, efats’ale-tsi-liman-jato.
19 Ty ana’ Iehodà, i Ere naho i Onane; fe nihomak’ an-tane Kanàne añe t’i Ere
naho i Onane, 20 le o tarira’ Iehodà an-kasavereña’eo: boak’amy Selà o nte-Selao;
boak’ amy Peretse o nte-Peretseo; boak’ amy Zèrake o nte-Zèrakeo. 21 Le ty ana’ i
Peretse: boak’ amy Ketsròne o nte-Ketsroneo; le boak’ amy Kamòle o nte-Kamoleo.
22 Zao o hasavereña’ Iehodà amo niaheñeoo: fito-ale-tsi-eneñ’arivo-tsi-liman-jato.
23 O tarira’ Isakhare amo hasavereña’eoo: boak’ amy Tolà o nte-Tolào; boak’ amy
Poà o nte-Poao; 24 boak’am’ Iasòbe o nte-Iasobeo; boak’ amy Simrone o nte-Simroneo;
25 zao o hasavereña’ Isakhare amo niaheñeoo: eneñ’ale-tsi-efats’ arivo-tsi-telonjato.
26 O tarira’ i Zebolone amo hasavereña’eoo: boak’ amy Serede o nte-Seredeo;
boak’amy Elone o nte-Eloneo; boak’am’ Iakleèle o nte-Iakleeleo; 27 zao o hasavereña’
i Zeboloneo amo niaheñeo: eneñ’ ale-tsi-liman-jato.
28 Ty ana’ Iosèfe amo tarira’ i Menasè naho i Efraimeo: O tarira’ i Menasè amo
hasavereña’eoo: 29 boak’amy Makìre o nte-Makireo, le nasama’ i Makìre t’i Gilàde,
o hasavereña’ Gilàdeo; 30 zao ro ana’ i Gilade: boak’ am’ Ièzere o nte-Iezereo; boak’
amy Kàileke o nte-Kailekeo; 31 boak’ amy Asrièle o nte-Asrieleo; boak’ amy Sèkeme o
nte-Sèkemeo; boak’ 32 amy Semidà o nte-Semidao; boak’ amy Kàifere o nte-Kaifereo;
33 tsy nanañ’ anadahy t’i Tselofekhàde ana’ i Kàifere; ty añara’ o anak’ ampela’eo le
Maklà, i Noà, i Koglà, i Milkà, vaho i Tirtsà. 34 O niaheñe amo hasavereña’ i Menasèo:
lime-ale-tsi-ro’arivo-tsi-fitonjato.
35 O tarira’ i Efraime amo hasavereña’eoo: boak’ amy Sotèlake o nte-Sotèlakeo;
boak’ amy Bèkere o nte-Bekereo; boak’ amy Tàkane o nte-Takaneo; 36 le amo ana’ i
Sotèlakeo: boak’ amy Eràne o nte-Eraneo. 37 Aa o niaheñe amo hasavereña’ i Efra-
imeoo: telo-ale-tsi-ro’ arivo-tsi-liman-jato. Zay o tarira’ Iosèfe amo hasavereña’eoo.
38 O tarira’ i Beniamène amo hasavereña’eoo: boak’ amy Bèla o nte-Belao; boak’
amy Asbèle o nte-Asbeleo; boak’ amy Akiràme o nte-Akirameo; 39 boak’ amy Sefofàme
o nte-Sefofameo; boak’ amy Kofàme o nte-Kofameo. 40 O ana’ i Belao: i Arde naho i
Naamàne: boak’ amy Arde o nte-Ardeo; boak’ amy Naamane o nte-Naamaneo. 41 Aa
o niaheñe amo hasavereña’ i Beniamèneoo: efats’ ale-tsi-lime-arivo-tsi-enenjato.
42 O tarira’ i Dane amo hasavereña’eoo: boak’ amy Sokàme o nte-Sokameo; Zao o
tarira’ i Dane amo hasavereña’eoo; 43 le ty ia’ o nte-Sokàmeo amo niaheñeo: eneñ’
ale-tsi-efats’ arivo-tsi-efa-jato.
44 O tarira’ i Asere amo hasavereña’eoo: boak’ am’ Imnà o nte-Imnao; boak’am’
Isvý o nte-Isvìo; boak’ amy Berìa o nte-Beriao. 45 Aa naho o ana’ i Beriao: boak’ amy
Kèbere o nte-Kèbereo; boak’ amy Malkièle o nte-Malkieleo; 46 le Sèrake ty tahina’ ty
anak’ ampela’ i Asere. 47 Zao o tarira’i Asere amo hasavereña’e niaheñeoo lime-ale-
tsi-telo-arivo-tsi-efa-jato.
48 O tarira’i Naftalý an-kasavereña’eo: boak’ am’ Iaktseèle o nte-Iaktseèleo; boak’
amy Gonýo nte-Gonio; 49 boak’ am’ Ietsere o nte-Iètsereo; boak’ amy Silème o nte-
Silemeo; 50 Zao o tarira’ i Asere amo hasavereña’e niaheñeo: efats’ ale-tsi-lime-arivo-
tsy efa-jato.
51 Aa le ty ia’ o ana’ Israele niaheñeo: enen-ketse-tsi-arivo-tsi-fitonjato-tsi-telopolo.
52 Le hoe ty nitsara’ Iehovà amy Mosè: 53 Amo retiañe ty anjaràñe i taney ho lova
ty ami’ty ia’ o tahinañeo. 54 Ho tolora’o lova bey ty maro le hanjarà’o lova kede ty tsy
ampe; songa hanoloran-dova ty amy hamaro’ o vinolily ama’eo. 55 Le an-tsapake ty
hanjarañe i taney; ami’ty tahinan-droae’ o fifokoañeo ty handovà’ iareo aze. 56 Tsato-
piso ty hanjarañe i lovay añivo’ ty maro naho ty tsy ampe.
57 Le zao ty famoliliañe o nte-Levio amo amori’eo: boak’ amy Geresòne o nte-
Geresoneo, boak’ amy Kehàte o nte-Kehàteo; boak’amy Merarý o nte-Merario; 58 le

zao ty hasavereña' o nte-Levio: ty hasavereña' o nte-Libnìo, ty hasavereña' o
nte-Kebronio, ty hasavereña' o nte-Maklìo; ty hasavereña' o nte-Mosìo; vaho ty
hasavereña' o nte-Korahkìo. Le nisamake i Amrame t'i Kehate; 59 Iokèbede ana' i
Levy ty tahina' ty vali' i Amrame, nasama' i Amrame t'i Aharone naho i Mosè vaho
i Miriame rahavave' iareo. 60 Nasama' i Aharone t'i Nadàbe naho i Abihò naho i
Elazare vaho Itamare; 61 sambe nihomake t'i Nadabe naho i Abiho, ie nañenga afo
tsie am' IEHOVÀ. 62 Ty ia' o niaheñe am' iereoo: ro'ale-tsi-telo-arivo, songa lahilahy
vola'e raike mañambone; ie tsy niaheñe amo ana' Israeleo, amy te tsy nanoloran-
dova amo ana'Israeleo.
63 Irezay ty namolilia' i Mosè naho i Elazare mpisoroñe, ie namolily o ana' Israeleo
an-tanemira' i Moabe añ'olo' Iardeney tandrife' Ierikò eo. 64 Le amo vinolilio, leo
raike tsy niahe' i Mosè naho i Aharone mpisoroñe tamy famoliliañe o ana' Israeleo
am-patrambey Sinaiy. 65 Amy tsinara' IEHOVÀ am' iareo ty hoe: Toe hivetrak' am-
patrambey ao iereo, aa le tsy nengàn-dahilahy naho tsy i Kalebe ana' Iefone naho
Iehosoa ana' i None avao.

# 27

*O Anak'Ampela' i Tselofekàdeo*

1 Niheo mb'eo amy zao o anak' ampela' i Tselofekhàde ana' i Kèfere, ana' i Gilàde,
ana'i Makìre, ana'i Menasè ana' Iosefeo; le zao ty tahina' o anak' ampela'eo: i
Maklà, i Noae, Koglàe, i Milka, vaho i Tirtsà, 2 naho nijohañe añatrefa' i Mosè naho i
Elazare mpisoroñe naho o roandriañeo naho i hene valobohòkey an-dalan-kibohom-
pamantañañe eo, nanao ty hoe: 3 Nivilasy am-patrambey añe ty rae'ay, f'ie tsy ni-
mpiamo nifanontoñe niatreatre am' IEHOVÀo, tsy ni-mpiamy Kòrahke, fa nihomak'
amo hakeo'eo avao vaho tsy nanañ' ana-dahy. 4 Aa vaho hasintak' aman-drolongo'e
hao ty tahinan-drae'ay amy te tsy aman' anadahy? Ehe anoloro lova amo longon-
droae'aio.
5 Nente' i Mosè añatrefa' IEHOVÀ i saontsy zay. 6 Le nitsara amy Mosè t'IEHOVÀ
nanao ty hoe: 7 Mivolan-tò o anak' ampela' i Tselofekàdeo; toe hitolora'o lova amo
lovan-drahalahin-drae'eo, vaho hampandovae'o ty lovan-drae'e. 8 Le saontsio amo
ana' Israeleo ty hoe: Naho vilasy t'indaty tsy nampipok' ana-dahy, le hampandovae'
areo o anak' ampela'eo ty lova'e. 9 Aa ie tsy aman' anak'ampela le hatolo'o an-
droahalahi'e ty lova'e. 10 Aa ie tsy aman-drahalahy, le hatolo'o an-droahalahin-drae'e
ty lova'e. 11 Aa naho tsy aman-drahalahy ty rae'e le hatolo'o amy ze longo marine
aze amy fifokoa'ey i lova'ey, vaho ie ty handova aze; ho fañè-jaka amo ana' Israeleo
zay amy nandilia' IEHOVÀ i Mosèy.

*Norizañe handimbe i Mosè t'Iehosoa*

12 Aa le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè: Mañambonea am-bohi' Abarìme mb' atoy, le
oniño i tane atoloko amo ana' Israeleoy. 13 Aa ihe mahaisak' aze, le hatontoñe amo
longo'oo manahake ty nanontoñañe i Aharone amo rahalahi'eo. 14 Amy te niola'o i
lilikoy amy nifandiera' i valobohòkey am-patrambei' i Tsiney, ihe tsy nañonjoñe ty
engeko añatrefa' iereo amy ranoy. (Ie i rano natao Meribà e Kadese am-patram-bei'
i Tsiney.)
15 Le nisaontsy am' IEHOVÀ t'i Mosè nanao ty hoe, 16 Ee te hanendre ondaty hifehe
i valobohòkey t'IEHOVÀ Andriananañaharen' arofo' ze hene nofotse, 17 ie ty hiakatse
naho hizilik' añatrefa' iareo, naho hiaolo iareo te mionjoñe, vaho hampipoly iareo,
tsy mone hanao lian' añondry tsy amam-piarake ty valobohò' IEHOVÀ.
18 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè: Rambeso t'Iehosoa, ana' i None, ondaty aman' arofo,
le anampezo fitàñe; 19 avotraho aolo' i Elazare naho añatrefa' i valobohòkey re le
orizo am-pahaoniña' iareo. 20 Le andivao ama'e ty lili'o, hivohora' ty valobohò'

Israele. 21 Hijohañe añatrefa’ i Elazare mpisoroñe re, le ie ty hañontane ho aze
ami’ ty fizakà’ i Orime añatrefan’ Añahare. Amy saontsi’ey ty hiavota’ iareo
vaho amy saontsi’ey ty hiziliha’ iareo; ie naho o ana’ Israele mindre ama’eo,
i valobohòkey. 22 Aa le nanoe’ i Mosè i nandilia’ IEHOVÀ azey. Rinambe’e
t’Iehosoa vaho nampiheove’e añatrefa’ i Elazare mpisoroñe naho i valobohòkey;
23 le nanongoa’e fitàñe vaho namantok’ aze, amy natoro’ IEHOVÀ am-pità’ i Mosey.

# 28

*O Enga Boak’Androo*
*Avo. 29.38-46*
1 Hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 2 Lilio o Ana’ Israeleo naho ano ty hoe: Ambeno’
areo amy andro famantañañ’ azey ty hañengàñe amako i hanekoy, i soroñañe amako
ho hàñin-kanintsiñe amakoy. 3 Le ano ty hoe iereo: Zao ty hisoroñañe am’ IEHOVÀ
andro am-pohatse ho lilim-pisoroñañe: vik’ añondrilahy roe tsy aman-kandra.
4 Hengae’o maraindray ty vik’ añondry vaho hengae’o folakandro ty faharoe, 5 reketse
mona fahafolo’ ty efà linaro mena-piniritse fahèfa’ ty hine ho enga-mahakama. 6 Ie
lilim-pisoroñañe norizañe ambohi-Sinay añe ho hàñin-kanintsiñe, fisoroñañe am’
IEHOVÀ. 7 Le songa añengañe enga-rano fahèfa’ ty hine i añondry roe rey; ailiñe am’
IEHOVÀ amy toe-miavakey i divay soay ho enga-rano. 8 Engae’o ami’ ty folakandro
i vik’ añondry ila’ey rekets’ i enga-mahakama’ey naho i enga-rano’ey, hambañe
amy nañengañe amy maraiñeiy ty hañenga’o aze: soroñe ho hàñin-kanintsiñe am’
IEHOVÀ.

*Enga-tSABATA*
9 Ie ami’ty andro Sabotse, le vik’ añondrilahy roe tsy aman-kandra, naho mona
fahafolo’ ty efa roe ho enga-mahakama, linaro menake naho i enga-rano’ey: 10 zay
ty hisoroñañe boa-tSABATA ambone’ i enga hisoroñañe boak’ àndroy rekets’ i enga-
rano’ey.

*Engam-Pea-bolañe*
11 Mañengà soroñe am’ IEHOVÀ amo jiri-bola’ areoo: bania roe, añondrilahy raike,
vik’ añondrilahy fito tsy aman-kandra; 12 naho songa mona fahafolo’ ty efà telo linaro
menake ty bania; naho fahafolo’ ty efà roe linaro menake ho enga-mahakama, i
añondrilahiy; 13 le sindre mona fahafolo’ ty efà linaro menake ho enga-mahakama
ty vik’ añondry, enga olorañe, hàñin-kanintsiñe, soroñañe am’ IEHOVÀ. 14 songa ho
divay vaki’ ty hine ty bania, sindre fahatelo’ ty hine i añondrilahiy vaho fonga fah’efa’
ty hine ty vik’ añondry. Zay ty hisoroñañe an-jiri-bola’ ze hene volañe amo taoñeo.
15 Le forototò ho engan-kakeo am’ IEHOVÀ ty oselahy; ho tovo’ i soroñe boak’ andro
rekets’ i enga-rano’eiy.

*Enga amy Fihelañey*
*Its 23.5-14*
16 Ami’ty andro faha-folo-efats’ambi’ i volam-baloha’ey ty Pèsa’ IEHOVÀ. 17 Le
hanoeñe sabadidake amy andro faha folo-lime-ambi’ i volañeiy; ho kamaeñe fito
andro ty mofo po-dalivay. 18 Hanao fañohara-miavake nahareo amy andro valoha’ey;
tsy itolonan-draha. 19 Le mibanabanà enga hisoroñañe am’ IEHOVÀ: bania roe, ty
añondrilahy, naho ty vik’ añondrilahy fito, asoao te tsy aman-kandra. 20 Mona linaro
menake ty enga-mahakama’ iareo, songa fahafolo’ ty efà telo ty bania, naho fahafolo’
ty efà roe i añondrilahiy; 21 le sindre fahafolo’ ty efà ty vik’ añondry, ho a i vi’e fito
rey; 22 vaho oselahy ty ho engan-kakeo hañeferañe anahareo. 23 Halankañe’ areo ho
tovo’ i enga maraindraiñey, i enga boak’ androy. 24 Zay ty fañengañe boak’ andro,
fito andro, ty mahakama’ i enga fisoroñañey, hàñin-kanintsiñe am’IEHOVÀ, engaeñe

ho tovo' i enga boak' àndroy naho i enga-rano'ey. 25 le hanao fañohara-miavake
nahareo ami'ty andro fahafito. Tsy itoloñan-draha.

*Enga ami'ty Takatakan-Kereñandro*
*Its 23.15-22*

26 Ie amy andron-dengom-boay, le mibanabanà enga-mahakama vao am' IEHOVÀ
amy sabadida-kereñandro' areoy, le ano fañohara-miavake vaho ko mitolon-draha.
27 Mibanabanà enga hisoroñañe ho hàñin-kanintsiñe am' IEHOVÀ: bania roe, ty
añondrilahy raike vaho ty vik'añondrilahy fito, 28 mitraok' ami'ty mona linaro
menake ho enga-mahakama'e: songa fahafolo' ty efà telo ty bania, naho fahafolo'
ty efà roe i añondrilahiy 29 sindre fahafolo' ty efà ty vik' añondry ho amy vi'e fito
rey; 30 vaho ty vik' oselahy hañeferañe anahareo. 31 Hengae' areo ho tovo' i soroñañe
nainai'ey rezay, naho o enga mahakama'e naho enga-rano'e. Asoao t'ie tsy ho aman-
kandra.

# 29

*Enga amy Sabadidak' Antsivay*
*Its 23.23-25*

1 Amy andro valoha' i volam-pahafitoy, le hanao fañohara-miavake nahareo. Tsy
hitolon-draha, fa andro fipoñafam-peo ho anahareo. 2 Mañengà soroñe, hàñin-
kanintsiñe am' IEHOVÀ: ty bania, ty añondrilahy vaho ty vik' añondrilahy fito tsy
aman-kandra. 3 Ty enga-mahakama'e le mona linaro menake: telo am-pahafolo'
ty efà ho amy baniay, le roe am-pahafolo' ty efà ho amy añondrilahiy, 4 le songa
fahafolo' ty efà ty vik' añondrilahy amy fito rey; 5 vaho ty vik' oselahy ho engan-
kakeo hañeferañe anahareo, 6 ho tovo' i enga hisoroñañe amy pea-bolañeiy, rekets'
i enga-mahakama'ey naho i soroñe boak' àndroy rekets' o enga-mahakama'eo naho
o enga-rano'eo ty amy fañè' iareo, ho hàñin-kanintsiñe soroñañe am'IEHOVÀ.

*Enga amy Andro Fañeferañey*
*Its 23.26-32*

7 Amy andro faha-folo' i volam-paha-fitoy ty hanoa' areo fañohara-miavake, le
hilie-batañe tsy hifanehak' amo tolon-draha' areoo. 8 Hañenga soroñe am' IEHOVÀ
nahareo; hàñin-kanintsiñe: bania raike, añondrilahy raike, naho vik' añondrilahy
fito, songa tsy aman-kandra. 9 Ty enga-mahakama ama'e le mona linaro menake:
fahafolo' ty efà telo i baniay, fahafolo' ty efà roe i añondrilahiy, 10 naho sindre
fahafolo' ty efà ty vik' añondry amy vi'e fito rey; 11 vaho ty vik'oselahy ho engan-
kakeo, ho tovo' i engan-kakeo fañeferañey, naho i soroñe boak' àndroy rekets' o
enga-mahakama'eo naho o enga-rano'eo.

*Enga amo Sabadida-Kibohotseo*
*Its 23.33-44*

12 Amy andro faha folo-lime-ambi' i volam-paha-fitoy, manoa fañohara-miavake le
ko mitolon-draha, vaho ano sabadidak' am' IEHOVÀ fito andro. 13 Mañengà soroñe,
engan-koroañe ho hàñin-kanintsiñe am' IEHOVÀ: bania folo-telo' amby, añondrilahy
roe naho vik' añondrilahy folo-efats' amby, songa tsy aman-kandra. 14 Ty enga-
mahakama' iareo, le mona linaro menake: songa ty fahafolo'e telo i bania folo-
telo'amby rey, sindre ty fahafolo'e roe i añondrilahy roe rey, 15 vaho sambe ty
fahafolo'e i vik' añondrilahy folo-efats' amby rey 16 le ty vik'ose ho engan-kakeo,
tovo' i soroñe boak' andro rey, naho i enga-mahakama'ey naho i enga-rano'ey.
17 Amy andro faha-roey: bania folo-ro' amby; añondrilahy roe, vik' añondry folo-
efats' amby tsy aman-kandra, 18 naho ty enga-mahakama naho enga-rano amy bania
rey naho amy añondrilahy rey vaho amy vik' añondrilahy rey, ty amy ia' iareo naho

i fañè’ey; le ty vik’oselahy ho engan-kakeo, 19 tovo’ i soroñe boak’ àndroy naho i
enga-mahakama’ey vaho i enga-rano’ey.

20 Amy andro faha teloy: bania folo-raik’amby; añondrilahy roe, vik’ añondry folo-
efats’amby tsy aman-kandra, 21 naho ty enga-mahakama naho enga-rano amy bania
rey naho amy añondrilahy rey vaho amy vik’ añondrilahy rey, ty amy ia’ iareo naho
i fañè’ey; 22 le vik’ oselahy raike ho engan-kakeo, tovo’ i soroñe boak’ àndroy naho i
enga-mahakama’ey naho i enga-rano’ey.

23 Amy andro fahefatsey: bania folo, añondrilahy roe, vik’añondry folo-efats’
amby tsy aman-kandra, 24 naho ty enga-mahakama naho enga-rano amy bania rey
naho amy añondrilahy rey vaho amy vik’ añondrilahy rey, ty amy ia’ iareo naho
i fañè’ey; 25 le ty vik’oselahy ho engan-kakeo, tovo’ i soroñe boak’ àndroy naho i
enga-mahakama’ey vaho i enga-rano’ey.

26 Amy andro fahalimey: bania sive, añondrilahy roe, vik’ añondry folo-efats’amby
tsy aman-kandra, 27 naho ty enga-mahakama naho enga-rano amy bania rey naho
amy añondrilahy rey vaho amy vik’ añondrilahy rey, ty amy ia’ iareo naho i fañè’ey;
28 le ty vik’ oselahy ho engan-kakeo tovo’ i soroñe boak’ àndroy naho i enga-
mahakama’ey vaho i enga-rano’ey.

29 Amy andro faheneñey: bania valo, añondrilahy roe, vik’ añondry folo-efats’amby
tsy aman-kandra, 30 naho ty enga-mahakama naho enga-rano amy bania rey naho
amy añondrilahy rey vaho amy vik’ añondrilahy rey, ty amy ia’ iareo naho i fañè’ey;
31 le ty vik’ oselahy ho engan-kakeo tovo’ i soroñe boak’ àndroy naho i enga-
mahakama’ey vaho i enga-rano’ey.

32 Amy andro faha-fitoy: bania fito, añondrilahy roe, vik’ añondry folo-efats’amby
tsy aman-kandra, 33 naho ty enga-mahakama naho enga-rano amy bania rey naho
amy añondrilahy rey vaho amy vik’ añondrilahy rey, ty amy ia’ iareo naho i fañè’ey;
34 le ty vik’ oselahy ho engan-kakeo, tovo’ i soroñe boak’ àndroy naho i enga-
mahakama’ey vaho i enga-rano’ey.

35 Amy andro faha-valoy le manoa fifanontoñañe miavake naho ko mitolon-draha.
36 Mañengà soroñe, banabana oroañe, hàñin-kanintsiñe am’ Iehovà: ty bania, le ty
añondrilahy naho vik’ añondrilahy fito tsy aman-kandra, 37 naho ty enga-mahakama
naho enga-rano amy baniay naho amy añondrilahy rey vaho amy vik’ añondrilahy
rey, ty amy ia’ iareo naho i fañè’ey; 38 le vik’oselahy raike ho engan-kakeo, tovo’ i
soroñe boak’ àndroy naho i enga-mahakama’ey vaho i enga-rano’ey.

39 Ie ty hengae’ areo am’ Iehovà amo andro namantañañeo, (mandikoatse ze enga-
ava-panta ndra engan-tsatrin’ arofo’ areo) ho fisoroña’ areo naho ho enga-rano’ areo
vaho ho engam-pañanintsi’ areoo.

40 Aa le nitaroñe’ i Mosè amo ana’ Israeleo, ze hene nafanto’ Iehovà amy Mosèy.

# 30

*O Fantao*

1 2 Le nanao ty hoe amo talèm-pifokoa’ o ana’ Israeleoo t’i Mosè: Zao ty nandilia’
Iehovà: 3 Naho mifanta am’ Iehovà t’indaty, ndra mitangèñe hifahara’ ty arofo’e
ami’ty lahatse, le tsy hivalik’ amy saontsi’ey re, fa hanoe’e ze hene miakatse am-
palie’e.

4 Aa naho mifanta am’ Iehovà ty ampela, ke mitan-ty vata’e aman-titike, ie
añ’anjomban-drae’e ao naho mbe somondrara, 5 fa naho mahajanjiñe i nifantà’ey
ty rae’e naho i titike namahora’e ty tro’ey vaho mianjiñe avao ty rae’e, le fonga
hijadoñe o nifantà’eo, le hifahatse ze titike namahora’e troke. 6 F’ie lieren-drae’e

amy andro nahajanjiña'e azey, le tsy hijadoñe i nifantà'ey ndra ze titike namahora'e
troke vaho hapo' IEHOVÀ ty aze, ty amy lien-drae'ey.
7 Aa ie nengaen-dahy te vahoram-panta, ke t'ie finehe' ze volañe naakan-tsoñi'e
tsy nisatrie'e, 8 le ie janji' ty vali'e fe tsy mañaoñe amy andro nijanjiña'e azey, le
hijadoñe i nifantà'ey vaho hifahatse ze titike namahora'e troke. 9 F'ie liere' ty vali'e
amy andro nijanjiña'e azey le hapo'e i fanta nifehe azey, ndra i volan-tsoñi'e tsy
nisatrie'e namahora'e trokey; toe hado' IEHOVÀ. 10 (Fe ze nifantà' ty vantotse ndra
ty nariam-baly, ie namahotse ty arofo'e, le hijadoñe hifehe aze zay.) 11 Aa naho
nifanta añ'anjombam-bali'e ao, ke namaho-batañe aman-titike 12 naho nahajanjiñe
aze i vali'ey ie tsy nandietse, le hijadoñe iaby o nifantà'eo vaho hifahatse ama'e
ze titike namahora'e arofo. 13 F'ie avali' ty vali'e amy andro nahajanjiña'ey, le
tsy hijadoñe ndra inoñ' inoñe niakats' an-tsoñi'e amo nifantà'eo ndra amy titike
namahora'e trokey; fa navali' ty vali'e, le hapo' IEHOVÀ re ty ama'e. 14 Ze fanta
ndra titike famahoram-batañe, le azo ty vali'e ajadoñe ndra faoheñe. 15 Fe naho
tsy mañaoñe aze handro am-pohatse i vali'ey, le hene hampijadoñe'e o nifantà'eo,
naho ze mamahotse ty tro'e; toe niventese'e, kanao tsy nisaontsie'e amy andro
nahajanjiña'e azey. 16 Aa naho avali'e t'ie añe i nijanjiña'e azey le hivave i tahi'ey i
lahilahiy.
17 Ie o fañè linili' IEHOVÀ amy Mosèo ty amy t'indaty naho i vali'ey, naho ty aman-
drae naho ty anak' ampela'e mbe kede añ' anjomban-drae'e ao.

# 31

*Hotakotak' amy Midiane*

1 Hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè, 2 Ampamaleo fate amo nte-Midianeo o ana'
Israeleo. Ie heneke zay le hatontoñe am'ondati'oo rehe. 3 Aa le nisaontsy am' ondatio
t'i Mosè nanao ty hoe: Ampidiaño ty ila'e ama' areo hialy, vaho iraho haname o
nte-Midianeo hamale i Midiane ty am' IEHOVÀ. 4 Songa hañitrik' arivo mb'amy aliy
mb'eo ze fifokoa' Israele. 5 Aa le hene nanolotse arivo boak' amy lahiale' Israeley
o fifokoañeo, rai-ale-tsi-ro'arivo reke-pialiañe. 6 Le nampionjone' i Mosè mb' añ'aly
mb'eo kiarivo-kiarivo' o fifokoañeo; le nampindreze'e am' iereo t'i Pinekàse ana' i
Elazàre ninday o fanake miavakeo naho o antsiva fikoihañeo am-pità'e. 7 Tiname'
iareo t'i Midiane ami'ty nandilia' IEHOVÀ i Mosè vaho vinono ze hene atao lahilahy.
8 Fonga naharo vono am' iereo o mpanjaka' i Midianeo: i Evý, naho i Rèkeme naho i
Tsore naho i Kòre vaho i Rèba; i mpanjaka' i Midiane lime rey vaho vinono am-pibara
ka t'i Balame ana'i Beore. 9 Le kinopa' o ana' Israeleo ze hene rakemba naho o keleia'
o nte-Midianeoo, naho hene kinopa' iareo o añombeo naho o mpirai-lia'eo naho o
vara'eo; 10 fonga finorototo añ' afo o rova nimoneña' iareoo naho ze hene tobe' iareo,
11 le rinambe' iareo ze dinohitse iaby naho ze fonga kinopake: ondaty naho hare.
12 Nendese' iareo mb' amy Mosè naho i Elazare mpisoroñe naho i valobohò' Israeley
mb'eo ondaty iabio naho o varao vaho ze raha kinopake mb' an-tobe a montombei'
i Moabe aolo' Iardeney tandrife Ieriko mb'eo.

*Fimpoliañe boak' amy Aliy*

13 Niavotse amy zao t'i Mosè naho i Elazare mpisoroñe naho o talè' i valobohòkeio
hifanalaka am' iereo alafe' i tobey. 14 Fe niviñera' i Mosè o mpiaolo' o lahindefoñeoo,
naho i mpifelek' arivo rey, naho i mpifehe ki-zato rey, o niboak' amy hotakotakeio.
15 Le hoe t'i Mosè am' iereo: Hene nenga' areo ho veloñe hao o ampelao? 16 Inao,
ie ty nampiola o ana' Israeleo amy IEHOVÀ ie nikililie' i Balame amy raha e Peorey,
vaho nametsahañe angorosy ty valobohò' IEHOVÀ. 17 Aa le fonga vonò ze lahilahy
amo keleia'eo naho ze ampela fa niolots' ama' ondaty. 18 Fe tano ho anahareo ze

ampela mbe tsy niharo sarimbo ama’ ondaty. 19 Le ie namono ondaty ndra nitsapa ty
vinono ro mitoboha alafe’ i tobey fito andro; miefera vatañe ami’ty andro faha-telo
naho ami’ ty andro faha-fito; inahareo naho o finao’ areoo. 20 Le liovo iaby ze sikiñe
naho ze nanoeñe an’ angozy naho ze rinare am-bolon’ ose vaho ze raha an-katae.

21 Le hoe t’i Elazare mpisoroñe amo lahin-defo niatreke i aliio: Zao ty fañèmpètse
linili’ IEHOVÀ i Mosè: 22 ze volamena naho volafoty naho torisìke naho viñe naho
endraendra vaho firake— 23 ze raha mete asitrik’ añ’afo avao—ro hampisorohe’ areo
añ’afo, le halio, f’ie mbe heferañe an-dranom-pañeferañe. Le ze raha tsy mahaleo
afo ro hampisoroheñe rano. 24 Le ho sasà’ areo ami’ ty andro faha-fito ty siki’ areo
vaho halio, ie heneke zay le mahazo mizilik’ an-tobe ao.

### *Ty Ondaty naho Vara Kinopakeo*

25 Le hoe ty nitsara’ IEHOVÀ amy Mosè: 26 Volilio, ihe naho i Elazare mpisoroñe
naho o talèn-droae’eo ze fonga raha kinopake: ondaty naho hare. 27 Zarao roe o
kinopakeo: ty raike ho amo nañavelo niatrek’ i aliio le ty raike ho amy valobohòkey.
28 Le ampandivao o lahindefoñe niatre-kotakotakeo ty raik’ ami’ ty liman-jato ho enga
am’ IEHOVÀ, ke t’ie ondaty, he te añombe, ke borìke he añondry, hera ose. 29 Rambeso
ami’ty vaki’ iareo, vaho atoloro amy Elazare mpisoroñe ho engan-kavoañe am’
IEHOVÀ. 30 Le ampandivao ami’ty anjara’ o ana’ Israeleo ka ty raik’ ami’ty limampolo’
ze ondaty naho añombe naho borìke naho añondry naho ze hare iaby vaho atoloro
amo nte-Levy mpiatrake i kivoho’ IEHOVÀio. 31 Le nanoe’ i Mosè naho i Elazare
mpisoroñe i nandilia’ IEHOVÀ i Mosey.

32 Ty vara nisisa amy nikopahe’ o lahindefoñeoy le añondry enen-ketse-tsi-fito-ale-
tsi-lime-arivo, 33 naho añombe fito-ale-tsi-ro’arivo, 34 naho borìke eneñ’ ale-tsi-arivo,
35 naho ondaty telo-ale-tsi-ro’ arivo: hene somondrara mboe tsy niolots’ ama’ ondaty.

36 Ty vaki’e raike, ty anjara’ o niatre-kotakotakeo, le añondry naho ose telo-hetse-
tsi-telo-ale-tsi-fito-arivo-tsi-liman-jato, 37 le o añondry naho ose nengaeñe am’IEHOVÀo
enenjato tsy-fitompolo-lim’ amby. 38 Le telo-ale-tsi-eneñ’ arivo ty añombe, aa le
fitom-polo-ro’ amby ty nengaeñe am’IEHOVÀ; 39 telo-ale-tsi-liman-jato ty borìke vaho
enempolo-raik’ amby ty nengaeñe am’ IEHOVÀ; 40 rai-ale-tsi-eneñ’ arivo ty ia’ondatio
vaho telopolo-ro’amby ty nengaeñe am’ IEHOVÀ. 41 Aa le natolo’ i Mosè amy Elazare
mpisoroñe ty anjara’ IEHOVÀ, ami’ty nandilia’ IEHOVÀ i Mosè.

42 Aa naho ty vaki’ i valobohòke navi’ i Mosè ami’ty anjara’ o lahindefoñeoy; 43 ty
vaki’ i valobohòkey telo-hetse-tsi-telo-ale-tsi-fito-arivo-tsi-liman-jato añondry naho
ose, 44 le telo-ale-tsi-eneñ’arivo ty añombe, 45 naho telo-ale-tsi-liman-jato ty borìke,
46 vaho rai-ale-tsi-eneñ’ arivo ty ia’ondatio. 47 Aa ty amy vaki’ o ana’ Israeleo, le
nangala’ i Mosè ty raik’ ami’ty limampolo, ondaty naho hare, le natolo’e amo nte-
Levio—o mpiatrake i kivoho’ IEHOVÀo amy nandilia’ IEHOVÀ i Mosèy.

48 Niheo amy Mosè mb’eo amy zao o mpiaolo nifehe o arivo nialio, toe o mpifelek’
arivoo naho o mpifehe zatoo; 49 le nanao ty hoe amy Mosè: Fa niahe’ o mpitoro’oo o
lahindefo nifelehe’aio, leo raike tsy nipoke. 50 Aa le mañenga ravoravo am’ IEHOVÀ
zahay, ze niazo’ ondatio ke ravake volamena ke vangovango ke tsiandetse ke bange
fitomboke ke kiviro he ètse, ho fañanintsin-troke añatrefa’ IEHOVÀ. 51 Rinambe’ i
Mosè naho i Elazare mpisoroñe am’ iereo o volamenao naho o bangeo vaho ze hene
bijo, 52 le ty tontom-bolamena nengae’ iareo ho am’ IEHOVÀ, boak’ amo mpifelek’
arivoo vaho o mpifehe zatoo: rai-ale-tsi-eneñ’ arivo-tsi-fitonjato-tsi-limampolo sekele,
53 amy te songa nikopake ho am-bata’e o lahindefoñeo. 54 Aa le rinambe’ i Mosè naho i
Elazare mpisoroñe amo mpifelek’ arivo naho zatoo i volamenay, vaho nendese’ iereo
am-po’ i kibohom-pamantañañey ho fitiahiañe o ana’ Israeleo añatrefa’ IEHOVÀ.

# 32

*Ty Fizarañe ty atiñana' Iardeney*
*Its 3.12-22*
1 Ie amy zao ni-tsifotofoto ty añombe' i fifokoa' i Reòbene naho i Gade rey; aa ie
nahaisake ty tane' Ia'azère naho ty tane' i Gilade, t'ie toe tane fiandrazañe añombe,
2 le nimb'amy Mosè naho i Elazare mpisoroñe naho mb'amo talè' i valobohòkeio
mb'eo o ana' i Gadeo naho o ana' i Reòbeneo ninday ty saontsy ty hoe: 3 I Ataròte
naho i Dibone, naho Iaazère, naho i Nimrà, naho i Kesbòne, naho i Elalè, naho
i Sebàme, naho i Nebò vaho i Beòne; 4 i tane ginio' IEHOVÀ añatrefa' i valobohò'
Israeleiy, le tane fiandrazañe añombe, vaho aman' añombe o mpitoro'oo. 5 Tinovo'
iereo ty hoe: Aa naho nisoheñe am-pahaisaha'o, le atoloro amo mpitoro'oo i tane zay
ho fanaña'e, fa ko minday anay hitsake Iardeney.

6 Aa hoe ty navale'i Mosè o ana'i Gadeo naho o ana' i Reobeneo, Aa vaho hiatrek'
aly o rahalahi' areoo, le hihànitse atoy avao nahareo? 7 Ino ty hampimamoa' areo
ty arofo' o ana' Israeleo tsy hitsaha'e mb'an-tane nitolora' IEHOVÀ mb'eo? 8 Zay ty
nanoen-droae' areo te niraheko boak'e Kadese-Barnea hitilike i taney. 9 Amy t'ie
nionjoñe mb' am-bavatane' i Eskòle mb'eo vaho nahaoniñe i taney le nahamohake
ty arofo' o ana' Israeleo tsy hizilik' an-tane natolo' IEHOVÀ iareo. 10 Aa le nisolebotse
amy andro zay ty haviñera' IEHOVÀ vaho nifanta ty hoe: 11 Toe tsy amo lahilahy
roapolo taoñe mañambone niavotse i Mitsraimeo ty hahaisake ty tane nifantàko
amy Avrahame naho am' Ietsàke naho am' Iakòbe, amy t'ie tsy nañorik' ahiko añ-
kaàmpon-troke, 12 naho tsy i Kalebe ana' Iefonè nte-Kenàze naho Iehosoa, ana' i
None, amy te norihe' iareo an-kaliforan' arofo t'IEHOVÀ. 13 Aa le niforoforo am'
Israele ty haviñera' IEHOVÀ vaho nampirerererè'e am-patrambey añe efa-polo taoñe,
am-para' te nimodo iaby i tariratse nanao raty am-pivazohoa' IEHOVÀy. 14 Le heheke!
t'ie nitroatse handimbe an-droae' areo nifirimboñan-kalòn-tserekeo, hanitrà' areo ty
haviñerañe mitrotrofiak' IEHOVÀ am' Israele. 15 Aa ie miamboho, tsy mañorik' aze, le
ho farie'e am-patrambey ao indraike iereo, toly ndra harotsa' areo ondaty retiañe.

16 Aa le niharivoa' iareo nanao ty hoe: Hañamboara'ay goloboñe atoy o hare'aio
vaho rova ho a o keleia'aio, 17 fe hitan-defon-jahay hiaolo o ana' Israeleo ampara' te
nasese'ay an-toe' iareo añe. Ie amy zay himoneñe an-drova iarikatohan-kijoly ao ty
amo mpimoneñe amy taneio o keleia'aio. 18 Tsy himpoly mb' añ' anjomba'ay mb'eo
zahay naho tsy songa nandrambe ty lova'e o ana' Israeleo. 19 Tsy hitrao-dova am'
iereo alafe' Iardeney añe zahay, amy te nitsatoke ho anay atiñana' Iardeney atoy ty
lova'ay.

20 Hoe t'i Mosè am' iereo: Aa naho toe hanoe' areo zay, t'ie hitan-defoñe aolo'
IEHOVÀ veka'e hialy, 21 naho songa hitsake Iardaney añatrefa' IEHOVÀ o lahin-defo'
areoo, ampara' te fonga hanoe'e soike aolo'e eo o rafelahi'eo, 22 naho hene vinahotse
añatrefa' IEHOVÀ i taney; zay vaho himpoly nahareo, le ho afa-tahiñe añatrefa'
IEHOVÀ naho aolo' Israele, vaho ho fanaña' areo añatrefa' IEHOVÀ ty tane atoy. 23 F'ie
tsy hanoe' areo, le inao! hanan-kakeo am' IEHOVÀ; le iantofo te hifanojo ama' areo ty
tahi' areo. 24 Añoreño rova o keleia' areoo vaho goloboño o añondri' areoo, le ano o
nakarem-palie' areo iabio.

25 Aa le nanao ty hoe amy Mosè o nte-Gadeo naho o nte-Reòbeneo: Hanoe' o
mpitoro'oo ze andilian-talè'ay. 26 Hitobe amo rova' i Giladeo o keleia'aio naho o
vali'aio vaho o hare'ay iabio, 27 fe hitsake mb'eo o mpitoro'oo, songa lahilahy aman-
defoñe veka'e hialy hihotakotake ho a IEHOVÀ, amy nandilia' i talèkoiy.

28 Aa le linili'i Mosè t'i Elazare mpisoroñe naho Iehosoa ana' i None vaho o talèn'
anjombam-pifokoa' Israeleo ty am' iereo, 29 le nanoe' i Mosè ty hoe: Naho mindre

ama’ areo mitsake Iardeney añatrefa’ IEHOVÀ ze hene mpitan-defo veka’e hialy amo
ana’ i Gadeo naho amo ana’ i Reòbeneo, naho ampiambanèñe aolo’ areo i taney, le
atoloro iareo ty tane’ i Gilade ho fanaña’e. 30 F’ie tsy mitsake reke-pialiañe mindre
ama’ areo le hanam-panañañe miharo ama’ areo an-tane Kanàne ao. 31 Le hoe
ty natoi’ o nte-Gadeo naho o nte-Reòbeneo, Ze nitsara’ IEHOVÀ amo mpitoro’oo ro
hanoe’ay. 32 Hitsake reke-pialiañe añatrefa’ IEHOVÀ zahay mb’ an-tane Kanàne mb’
eo fe hitobok’ atiñana’ Iardeney atoy ty hanañañe nilovà’aiy.

33 Aa le natolo’ i Mosè amo nte-Gadeo naho amo nte-Reòbeneo vaho ami’ty vakim-
pifokoa’ i Menasè ana’ Iosefe, ty fehe’ i Sihone mpanjaka’ o nte-Amoreo naho ty
fehe’ i Oge mpanjaka’ i Basàne, i taney rekets’ o rova’eo naho o tanàñe mañohokeo
rekets’ o tane’eo. 34 Le namboare’ o nte-Gadeo ty Dibòne, naho i Ataròte, naho i
Aroère, 35 naho i Atròte-sofàne, naho Ia’azère, naho Iogbehà, 36 naho i Bète Nimrà,
vaho i Bete Haràne, songa rova aman-kijoly naho golobon’ añondry. 37 Le namboare’
o nte-Reòbeneo ty Kesbòne, naho i Elalè, vaho i Kiriatàime, 38 naho i Nibò, naho i
Baalmeòne, (ie novaeñe o añara’ iareoo) vaho i Sebàme, le nomeañe añarañe ze
rova namboare’ iereo. 39 Le nomb’e Gilade mb’eo o tarira’ i Makire ana’ i Menasèo
le tinava’ iereo vaho nanoe’ iereo soike o nte-Amore tama’eo. 40 Aa le natolo’ i Mosè
amy Makire ana’ i Menasè ty Gilade le nimoneña’e. 41 Rinambe’ Iaìre ka o tanà’eo
vaho nitokave’e Kavòte Iaìre. 42 Nomb’eo ka t’i Nòbake nitavañe i Kenàte naho o
tanà’eo, le nitokave’e ty hoe Nobake, i tahina’ey avao.

# 33

*O Fangen-dia boake Mitsraimeo*

1 Zao o fangem-pañaveloa’ o ana’ Israeleo te niavotse an-tane Mitsraime añe am-
pivovoran-dahindefoñe ambane’ ty fehe’ i Mosè naho i Aharoneo. 2 Sinoki’ i Mosè
o fiorotan-dia’ iareo ki-fange-fange’e ami’ ty lili’ IEHOVÀo; le zao o fange’eo ty amo
toe-piengà’eo. 3 Nenga’ iareo ty Ramesèse ami’ ty volam-baloha’e, ami’ty andro faha
folo-lime’ ambi’ i volam-baloha’ey; ami’ty andro nanonjohy i Fihelañ’ Ambone’ o
ana’ Israeleoy ty niavota’ iareo an-kavokavoke am-pahaisaha’ o nte-Mitsraime iabio,
4 naho nandeveñe o tañoloñoloña’e iabio o nte-Mitsraimeo, o nipaohe’ IEHOVÀ añivo’
iereoo, vaho nametsaha’ IEHOVÀ zaka o ndrahare’ iareoo.

5 Aa le nienga i Ramesese o ana’ Israeleo naho nitobe e Sokòte; 6 nienga i Sokòte
vaho nitobe Etàme añ’olo’ i fatrambeiy. 7 Nionjoñe boak’ Etàme le niolake mb’e
Pihakiròte atiñana’ i Baale-Tsefòne mb’eo vaho nitobe marine i Migdòle. 8 Ie
nenga i Pihakirote, le nisoroke i riakey naho nañavelo telo andro am-patrambey
Etame vaho nitobe e Marà. 9 Nenga’ iareo ty Marà le nipotìtse e Elime ao; aman-
drano manganahana folo roe-ambi’ ty Elime naho satrañe fitompolo vaho nitobeañe.
10 Ie nienga i Elime le nitobe añ’ olo’ i Ria-Binday, 11 nienga i Ria-Binday le nitobe
ampatrambei’ i Sine, 12 niavotse i fatrambei’ i Siney le nitobe e Dofkà, 13 nienga i
Dofkà le nitobe e Alòse, 14 nienga i Alòse vaho nitobe e Refidìme, f’ie tsy aman-drano
ho kamae’ ondatio. 15 Ie nienga i Refidime le nitobe am-patrambei’ i Sinay, 16 nienga i
Fatrambey Sinay vaho nitobe e Kibròtatahavà. 17 Ie nienga i Kibròtatahavà le nitobe
e Katseròte, 18 nienga i Katseròte le nitobe e Ritmà, 19 nienga i Ritmà le nitobe e
Rimòne Pèretse, 20 nienga i Rimòne Pèretse le nitobe e Libnà, 21 nienga i Libnà le
nitobe e Risà, 22 nienga i Risà le nitobe e Kehelàta, 23 nienga i Kehelàta le nitobe e
Vohi-Sèfere, 24 nienga i Vohi-Sèfere le nitobe e Karadà, 25 nienga i Karadà le nitobe
e Makelòte, 26 nienga i Makelòte le nitobe e Tàkate, 27 nienga i Tàkate le nitobe e
Tèrake. 28 nienga i Tèrake le nitobe e Mitkà, 29 nienga i Mitkà le nitobe e Khasmonà,
30 nienga i Khasmonà le nitobe e Moserà, 31 nienga i Moserà le nitobe e Benè’ià’akàne,
32 nienga i Benè’ià’akàne le nitobe e Kore Hagid’gàde, 33 nienga i Kore Hagidgàde le

nitobe e Iotbàta, 34 nienga i Iotbàta le nitobe e Ebranà 35 nienga i Ebranà le nitobe e
Etsiòne Gèbere, 36 nienga i Etsiòne Gèbere vaho nitobe am-patrambei' i Tsine, atao
ty hoe Kadàse. 37 Ie nienga i Kadàse le nitobe e Vohi-Hore añ'olon-tane' i Edome.
38 Niañambone' i Vohi-Hore mb'eo t'i Aharone mpisoroñe ami'ty lili' Iehovà vaho
nihomake eo ami'ty taoñe fah'efa-polo' niavota' o ana' Israeleo an-tane Mitsraime
ami'ty andro valoha' i volam-pahalimey. 39 Ni-zato-tsi-roapolo taoñe telo' amby t'i
Aharone te nivilasy ambone' i Vohi-Hore eo.
40 Jinanji' ty mpanjaka' i Arade nte-Kanàne mpimoneñe atimo an-tane Kanàne ao
te nomb' ama'e mb'eo o ana' Israeleo.
41 Aa le niavotse nitobe e Tsalmonà añe iereo. 42 Ie nienga i Tsalmonà le nitobe
e Ponòne. 43 Ie nienga i Ponòne le nitobe e Obòte. 44 Ie nienga i Obòte le nitobe
e Ièha Abarìme añ'efe-tane' i Moabe. 45 Nenga' iareo t'Iìme vaho nitobe e Dibone-
Gade. 46 Ie nienga i Dibone-Gade le nitobe e Almone-Diblataième. 47 Ie nienga i
Almone-Diblataième le nitobe amo vohi' i Abarìmeo aolo' i Nebò. 48 Ie nienga i
am-bohi' Abarìmeo le nitobe a montombei' i Moabe añ'olo' Iardeney tandrife Ierikò.
49 Nitobe marine Iardeney iereo, mifototse e Bete' ha' Iesimòte pak'añ'Ala-Roi' i Abele
a montombei' i Moabe añe.

### *Toro-lalañe t'ie Haname i Kanàne*

50 Aa le nitsara amy Mosè t'Iehovà a montombei' i Moabe añ' olo' Iardeney tandrife'
Ierikò eo, nanao ty hoe: 51 Taroño amo ana' Israeleo ty hoe: Ie mitsake Iardeney
mb'an-tane Kanàne mb'eo, 52 le fonga hanoe' areo soike ze mpimoneñe amy tane
aolo' areoy, arotsaho o vato-sinoki'e iabio, ampiantò o sare tineno' iareo iabio le
demoho o tamboho' iareo iabio; 53 ho tavane' areo i taney vaho himoneñe ao, amy
te natoloko anahareo i taney ho fanañañe. 54 Le ho zarae' areo an-tsapake i taney
ho lova' o hasavereña' areoo; ty maro ho tolora' areo lova bey, le ty tsy ampe ho
tolora' areo lova kede; ze nitsatoha' i tsapakey ty ho fanaña' indatiy ho lova'e; ty amo
fifokoañeo ty anjarañe aze. 55 Fa naho tsy hatao soike aolo' areo mb'eo o mpimoneñe
an-taneo le ho fatik' am-pihaino' areo, naho fitsipok' an-deme' areo o nisisa' areo
ama'eo, vaho hitsibore anahareo an-tane himoneña' areo ao. 56 Le hanoeko ama'
areo i sinafiriko hanoeñe am' iareoy.

## 34

### *Ty Efe' i Taney*

1 Hoe ty nitsara' Iehovà amy Mosè: 2 Afantoho o ana'Israeleo ami'ty hoe: Ie
mivotrak' an-tane Kanàne ao (amy t'ie ty tane hitsatoke ho anahareo ho lova: i tane
Kanàney, pak' amo efe-tane'eo), 3 le mifototse am-patrambei' i Tsiney añe ty efe'
areo atimo le hañorike ty efe' i Edome; aa le hianiñànañe mb' am-boli' i Riake Matey
mb'eo i efe' areo atimoy; 4 hiolake mb'atimo' ty fionjona' i Akrabime ty efe' areo
atimo, le homb'e Tsine mb'eo le hañorike ty atimo' i Kadèse Barnèa le hionjom-b'an-
Katsàradàre mb'eo; le hitohy mb'e Atsmòne mb'eo; 5 hiolake e Atsmòne i efetsey le
hiranga mb'añ' oñe' i Mitsraime añe vaho higadoñe amy Riakey.
6 Le i efetse ahandrefañey: ho efe' areo ahandrefañe i olon-dRiake Ra'elahiy.
7 Le ty efe' areo avaratse: mifototse amy Riake Ra'elahiy le tandrifeo ty Vohi-
Hore ho efe' areo; 8 boak' am-bohi-Hore tandrifeo pak' e Lebò-Kamàte; hitohy mb'e
Tsedàde i efetsey; 9 hionjomb' e Zifròne i efetsey vaho higadoñe e Katsàre-Enàne.
Zay ty efe' areo avaratse.
10 Aa le sokiro ka ty efe' areo atiñanañe, boake Katsàre-Enàne pake Sefàme;
11 hitohy boake Sefame le pake Riblà atiñana' i Aine añe i efetsey; le hizotso pak'
añ' olotse atiñana' ty Riake Kinerote ey i efetsey; 12 horihe' i efetsey ty olo' Iardeney

am-para' i Riake Matey. Zay ty ho tane' areo naho ty fiarikatoha' i efe-tane'ey. [13] Aa
linili' i Mosè o ana' Israeleo ami'ty hoe: Zao ty tane ho lovae' areo an-tsapake, i
nandilia' IEHOVÀ hatolotse amy fifokoa sive rey naho amy vakim-pifokoay. [14] Fe
sindre nandrambe ty lova' iareo ty fifokoa' i Reòbene ty aman' anjomban-droae'e
naho ty fifokoa' i Gade ty aman' anjomban-droae'e vaho nandrambe i lova'ey ka
ty vakim-pifokoa' i Menasè. [15] Songa nandrambe ty lova'e i fifokoa roe rey naho i
vakim-pifokoay mifototse an-dafe' Iardene e Ieriko eo maniñanañe mb' am-panjiriha'
i àndroy mb'eo.

[16] Le hoe ty nitsarae' IEHOVÀ amy Mosè: [17] Zao o tahina' ondaty hizara i taney
ama' areo ho fanañañeo: i Elazare mpisoroñe naho Iehosoa ana' i Nòne. [18] Le
handrambesa' areo mpiaolo kiraikiraike o fifokoañe hanjarañe i taneio ho lova.
[19] Zao ty tahina' ondatio: boak' am-pifokoa' Iehodà: i Kalèbe ana' Iefonè; [20] boak' am-
pifokoa' o nte-Simoneo: i Semoàle ana' i Amihòde; [21] boak' am-pifokoa' i Beniamène:
i Elidàde ana' i Kislòne; [22] ty mpiaolo boak' am-pifokoa' i Dane: i Boký ana' Ioglý;
[23] boak' amo ana' Iosefeo: ty mpiaolo boak' amy fifokoa' o nte-Menasèoy: i Kanièle
ana' i Efode; [24] le ty mpiaolo boak' am-pifokoa' o nte-Efraimeo: i Kemoele ana' i
Seftàne; [25] ty mpiaolo boak' am-pifokoa' o nte-Zeboloneo: i Elitsafàne, ana' i Parnàke;
[26] ty mpiaolo boak' am-pifokoa' o nte-Isakhareo: i Paltiele ana' i Atsane; [27] ty mpiaolo
boak' am-pifokoa' o nte-Asereo: i Akihòde ana' i Selomý; [28] ty mpiaolo boak' am-
pifokoa' o nte-Naftalio, i Pedahele ana' i Amihode; [29] ie ondaty nandilia' IEHOVÀ hizara
ty tane' o ana' Israeleo an-tane Kanàne ao.

# 35

*Rova' o nte-Levio*

[1] Le nitsara amy Mosè t'IEHOVÀ a montombei' i Moabe añ' olo' Iardeney tandrife
Ierikò eo, ami'ty hoe: [2] Lilio o ana' Israeleo ty hanolotse rova amo nte-Levio
himoneña'e boak' amo lova fanaña' iareoo, vaho toloro tane mañohoke o rova'
iareoo ho fiandraza' o nte-Levio. [3] Ho fimoneña' iareo o rovao naho ho fiandrazañe
o añombe'eo naho o mpirai-lia'eo vaho o hare' iareo iabio i tane mañohokey.
[4] Hifototse an-kijoli' o rova'e eo vaho hitakatse arivo kiho añ' areare i rovay o tane
fiandraza'eo. [5] Le ho zehè' areo alafe' o rovao ty ro'arivo kiho ami'ty ila'e atiñanañe,
le ro'arivo kiho ami'ty ila'e atimo, le ro'arivo kiho ami'ty lafe'e ahandrefañe, le
ro'arivo kiho an-dafe'e avaratse. Añivo'e ao i rovay. Zay ty ho fanaña' iareo ho
fiandraza' i rovay.

[6] Le ho rovam-pitsolohañe o rova eneñe hatolo' areo amo nte-Levioo, ie henga'
areo ho fitribahan-dai' ze mamono ondaty, mandikoatse zay le ho tolora' areo rova
efapolo-ro'amby iereo. [7] Aa le mitraoke ho rova efapolo-valo' amby ty hatolo' areo
amo nte-Levio rekets' o tane fiandraza'eo. [8] Le boak' ami'ty fanaña' o ana' Israeleo
ty hanolora'o i rova rey, hanolotse maro ty fifokoañe bey, naho tsy ampe ka ty boak'
ami'ty kede. Songa hanolotse rova amo nte-Levio boak' amo rova'eo ty amy habei' i
lova ho rambese'ey.

*Rovam-Pipalirañe*
*Its 19.1-13; Ieho 20.1-9*

[9] Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè: [10] Misaontsia amo ana'Israeleo, le ano ty
hoe: ie mitsake Iardeney mb'an-tane Kanàne mb'eo, [11] le mijoboña rova ho rovam-
pitsolohañe, hivoratsaha' ty namono ondaty tsy an-tsatri'e. [12] Rova ho fitsolohañe,
hipalira' areo ami'ty mpamale fate, soa tsy hohofan-doza ty namono ondaty ampara'
t'ie miatre-jaka añatrefa' i valobohòkey.

13 Aa le amo rova atolo’ areoo ty hanolora’ areo rovam-pitsolohañe eneñe. 14 Ho
tolora’ areo rova telo ty alafe’ Iardeney atoy naho ho tolora’ areo rova telo ty an-tane
Kanàne ao ho rovam-pitsolohañe. 15 Ho rovam-pitsoloha’ o ana’ Israeleo i rova eneñe
rey, naho ho a o ambahinio naho o renetane añivo’ iereoo, soa t’ie ty hivongarita’ ze
mamono ondaty tsy an-tsatri’e.

16 Aa naho lafae’e ami’ty viñe t’indaty vaho mivetrake indatiy, le mpamono ondaty
re, toe ho vonoeñe ty mpamono. 17 Aa naho fofohe’e ami’ty vato am-pità’eo,
ze mahavetrak’ ondaty vaho mihomake indatiy le mpamono re; toe havetrake i
mpamonoy. 18 Aa ie vinango’e an-kataem-pialiañe am-pità’e ao, ze mahavetrak’
ondaty, naho mate indatiy, le mpamono re, vaho toe ho vonoeñe i mpamonoy. 19 Toe
i mpamale fatey ty hañoho-doza amy mpamonoy; ie mifanojo ama’e le ho vonoe’e.
20 Aa ie maniotse aze mafe ami’ ty falai’e aze, ke mivoñoñe aze, he andretsaha’e raha,
vaho mate, 21 he ami’ty fandrafea’e ro mampitrabotrabok’ am-pità’e hampivetrak’
aze, le toe ho vonoeñe i nampitrabotrabokey. Mpamono re, ho vonoe’ ty mpamale
fate te ifanojoa’e.

22 F’ie mandronje am-pifanojeha’e fa tsy am-palaiñañe, ke mametsa-draha ama’e
fa tsy am-pivoñonañe, 23 hera am-bato mete mahafate ondaty, ie ahiriri’e mb’eo fe tsy
nioni’e indatiy, le mate indatiy, ie tsy nirafelahi’e vaho tsy nikilily te hañe-doza ama’e,
24 le ho zakae’ i valobohòkey añivo’ i namonoy naho i mpamale fatey amy fañè rezay.
25 Aa le havotso’ i valobohòkey boak’ am-pità’ i mpamale fatey i namono ondatiy, le
hampolie’ i valobohòkey mb’ amy rova fitsolohañe nivoratsaha’ey, ao ty hipalira’e
am-para’ te vilasy ty mpisorom-bei’ norizañe amy menake miavakey. 26 Aa naho
eo ty andro añaveloa’ i namonoy alafe’ ty efe’ i rovam-pitsolohañe nivotitsiha’ey,
27 le mahaisak’ aze alafe’ ty efe’ i rovam-pitsolohañey i mpamale fatey, vaho vonoe’
i mpamale fatey, le tsy hanan-tahiñe amy lio’ey re, 28 amy t’ie tsy mete tsy midok’
am-po’ i rovam-pitsolohañey am-para’ te mihomake ty mpisorom-bey, le ie vilasy i
mpisorom-beiy vaho mete mimpoly an-tanem-panaña’e añe i namonoy.

29 Ho fañè naho fepètse ho anahareo zay amo hene tarira’ areo mifandimbeo ndra
aia’aia ty imoneña’ areo.

30 Ze mamono ondaty, le ho vonoeñe i mpamonoy ami’ty taro’ o nahaisakeo; fa
tsy azo amonoañe ondaty ami’ty taro’ ondaty raike; 31 vaho tsy azo jebañeñe ty
fiai’ ondaty namono, ie fa voa zaka ami’ ty vono-ondaty; toe tsy mahai-tsy vonoeñe
ty mpamono ondaty. 32 Le tsy azo vilieñ’ ay t’indaty nivoratsake mb’an-drovam-
pitsolohañe mb’eo, hampipoliañe aze mb’an-tane’e añe aolo’ ty havilasi’ i Mpisorom-
beiy. 33 Ko mandeotse ty tanen’ akiba’ areo; fa mandeotse tane ty lio, vaho tsy mete
eferañe i taney ami’ty lio nadoañe ama’e naho tsy ami’ ty lio’ i nampidoañe azey.
34 Aa le ko maniva ty tane’ imoneña’ areo, fa fimoneñako, amy te mitoboke añivo’ o
ana’ Israeleo ao, zaho Iehovà.

# 36

*Ie Engaeñe ho Valy o Mpandova Ampelao*

1 Niharine mb’eo o mpiaolon’ anjomban-droaem-pifokoan-tarira’ i Gilade ana’
i Makire, ana’ i Menasè, hasavereña’ o ana’ Iosefeoo vaho nilañoñe añatrefa’ i
Mosè naho o talèo naho o talèn’ anjomban-droae’ o ana’ Israeleoo, 2 nanao ty hoe:
Linili’ Iehovà i talèkoy ty hanolotse i tane lovaeñey an-tsapake; vaho linili’ Iehovà i
talèkoy ty hanolotse i lovan-drahalahi’ay Tselofekhàdey amo anak’ ampela’eo. 3 Aa
naho ivalia’ ty anam-pifokoa ila’e amo ana’ Israeleo, le ho rambeseñe ami’ty lovan-
droae’ay ty lova’ iareo vaho ho tovoñañe ami’ty lova’ i fifokoañe nivalie’ey; aa le ho
liniva amy lova niazo’ay an-tsapakey. 4 Le ie avy i Jobili’ o ana’ Israeleio, ho tovoñañe

ami' ty lova' i fifokoañe nañeng' azey i lova'ey; le ho livaeñe ami' ty lovam-pifokoan-
droae'ay i lova'ey.
5 Le hoe ty linili' i Mosè amo ana' Israeleo ty amy tsara' IEHOVÀy, To ty saontsi'
o tariram-pifokoa' Iosefeo. 6 Aa hoe ty linili' IEHOVÀ ty amo anak' ampela' i
Tselofekhàdeo: angao hifanambaly amy ze tea'e fe tsy mete tsy amo tariram-
pifokoan-droae'eo avao ty anambalia' iareo. 7 Aa le tsy hafindra am-pifokoañe raike
ho ami'ty fifokoañe ila'e o lovao; fa songa hitañe ty lovam-pifokoan-droae'e o ana'
Israeleo. 8 Le hanambaly ami'ty fifokoan-droae'e ze anak' ampela mitan-dova ami'ty
fifokoañe raik' amo ana' Israeleo, soa te songa hitan-dovan-droae'e o ana' Israeleo.
9 Aa le tsy hafindra ho ami'ty fifokoañe ila'e ty lova fa sambe mitan-ty lova'e o
fifokoan' ana' Israeleo. 10 Nanoe' o anak'ampela' i Tselofekadeo ty nandilia' IEHOVÀ
i Mosè. 11 Le nifanambaly ami'ty anan-drahalahin-drae'e t'i Maklà, i Tirtsà, naho i
Koglà vaho i Noà ana' i Tselofekade. 12 Nifanambaly amo tarira' o nte-Menasè ana'
Iosefeo iereo vaho mireketse am-pifokoan-droae'e ao ty lova' iareo.
13 Irezay ro lily naho fepetse linili' IEHOVÀ amo ana' Israeleo am-pità' i Mosè a
montom-bei' i Moabe añ' olo' Iordaney tandrife Ierikò eo.

# Indra-Tsara

*Faniahiañe i te Korèbey*
1 Iretoañe o tsara nilañona' i Mosè am' Israele iaby alafe' Iardeney, am-patrambey
ao, an-tane mira tandrife i *Sofe añivo' i Parane naho i Tòfele naho i Labane naho i
Katseròte vaho i Dizahabe. 2 (Mahamodo andro folo-raik' amby ty lia mb'e Kadàse-
Barnèa mb'eo t'ie miary mb'e Vohi-Seire añe.) 3 Aa ie tamy taom-paha efa-poloy,
ami'ty vola'e faha-folo-raik'amby, ami'ty andro valoha' i volañey le ninday lañonañe
amo ana' Israeleo t'i Mosè, amy nampisaontsie' Iehovày aze; 4 naho fa zinevo'e
t'i Sihone mpanjaka' o nte-Amore nimoneñe e Khesboneo, naho i Oge mpanjaka'
i Basane nimoneñe e Astaròte e Ederèy ao; 5 alafe' Iardeney atoy, an-tane' i Moabe,
ty nimanea' i Mosè halangesañe i Hake ami'ty hoe: 6 Nitsara aman-tika e Korebe
añe t'Iehovà Andrianañaharentika nanao ty hoe: Ihe loho tambatse ami'ty vohitse
toy: 7 mitoliha naho tonjohizo ty lia' areo, le mionjona mb'am-bohi' o nte Amoreo
mb'eo; naho mb'an-tane mañohoke aze iaby mb' an-tane-mira† ey naho mb'amo
vohibohitseo naho mb'am-bavatane‡ ao naho mb' atimo§ añe naho mb' añolon-
driake mb'eo pak' an-tane' i nte-Kanàney naho pake Lebanone añe vaho migadoña
amy oñe ra'elahiy, i oñe Peràtey. 8 Ingo, fa nalahako añatrefa' areo o taneo; akia
rambeso ho anahareo i tane nifañinà' Iehovà aman-droae' areoy: amy Avrahame
naho am' Ietsake vaho am' Iakobe, t'ie hatolots' am' iareo naho o tarira' iareo
hanonjohio.

*Fañedreañe Mpiaolom-pifokoa*
*Avo 18.13-27*
9 Ie amy zay nanao ty hoe ama' areo raho, Tsy lefeko ty mivave anahareo, zaho avao,
10 fa nampanaranàhe' Iehovà Andrianañahare' areo ho mira ami'ty ia' o vasian-
dikerañeo androany. 11 Le ee te hampitomboe' Iehovà Andrianañaharen-droae'
areo añ' arivo ty ia' areo vaho hitahy anahareo amy nampitamae'ey. 12 Fa aia ty
hahavaveako, t'ie raike, ty fañangara' areo naho ty fampioremeña' areo vaho ty
fampihohokohofa' areo ahiko. 13 Tendreo o mahilala' areoo, o mahihitseo naho o
maharofoanañe amo rofoko' areoo le hanoeko mpifehe' areo. 14 Le natoi' areo ty
hoe, Mete i nisaontsia'o hanoeñey. 15 Aa le rinambeko o mpiaolo' o fifokoa' areoo,
o mahihitse naho mahilalao naho najadoko ho talè' areo ho mpifelek' arivo, naho
mpifeleke zato, naho mpifeleke limampolo, naho mpifeleke folo, vaho ho mpitoronjo,
ki-foko, ki-foko. 16 Le nafantoko amo mpizaka' areoo amy andro zay, ty hoe: Mijanjiña
añivo' o rolongo' areoo vaho mizakà an-katò añivo' ze ondaty naho ty rahalahi'e ndra
ze renetane ama'e. 17 Ko mirihy an-jaka; fe janjiño ty kede naho ty bey; ko hembañe
ami'ty lahara' ondaty, fa an'Andrianañahare ty zaka, le ze tsy lefe' areo ro hasese
amako ho tsanoñeko. 18 Aa le nililieko henane zay ze hene raha hanoe' areo.

*Mifoneñe tsy Himoak' amy Taney*
*Vol 13.1-33*
19 Aa ie nienga i Korebe tika, le niranga i fatrañe jabajaba maharevendreveñe
nioni' areo am-piariañe ty vohi' o nte-Amoreoy, amy nandilia' Iehovà Andri-
anañaharentikañey; le nivotrake e Kadese-Barneà eo, 20 vaho hoe ty nanoeko: ie
fa nandoak' am-bohi' o nte-Amoreo, i hatolo' Iehovà Andrianañaharen-tika aman-
tikañey. 21 Ingo fa napo' Iehovà Andrianañahare'o añatrefa'o eo o taneo: aa le

* 1:1 Sofe: hàmotse ndra vinda (añolon-drano) † 1:7 Arabà, tane mira liolio atimo i Galile ‡ 1:7 Sefelà
§ 1:7 Nègeve

mionjona mb’eo naho rambeso ami’ty nitsara’ IEHOVÀ Andriananaharen-droae’o, ko
hembañe vaho ko mitsolofiñe.
22 Aa le songa niharine amako nanao ty hoe: hamantoke ondaty hiaolo antika mb’eo
zahay hitsikarake i taney vaho hinday saontsy amantika ami’ty lalañe hionjonan-tika
mb’eo naho o rova higaoñan-tikañeo. 23 Toe ninòko i saontsy zay, vaho rinambeko
t’indaty folo-ro’ amby, songa raike ami’ty fifokoañe; 24 le nitolike iereo nionjoñe
mb’am-bohibohitse mb’eo naho nandoak’ am-bavatane Eskole vaho nitsoetsoek’ ao.
25 Nandrambesa’ iareo am-pitàñe ty voka’ i taney le nendese’ iareo nizotso mb’ aman-
tikañe atoy, vaho ninday saontsy aman-tika nanao ty hoe: Soa i tane natolo’ IEHOVÀ
Andriananaharen-tika aman-tikañey.

26 F’ie amy zay, tsy ni-mete nionjom-beo nahareo te mone niola ami’ty nandilia’
IEHOVÀ Andriananahare’ areo, 27 vaho niñeoñeoñe an-kiboho’ areo ao ami’ty hoe:
ty falai’ IEHOVÀ antika ty nañakara’e antika an-tane Mitsraime hanesea’e am-pità’ o
nte-Amoreo harotsake. 28 Aia ty hionjonan-tika? Nahamohake ty arofo’ay ty enta’ o
longontikañeo nanao ty hoe, Ra’elahy naho abo te amantika ondatio naho jabajaba
o rova’ iareo reketse kijoly mitiotiotse mb’andikerañ’ eio vaho niisa’ay ao o ana’ i
Anàkeo.
29 Aa le nanoeko ty hoe, Ko irevendreveñañe, ko ihembañañe. 30 IEHOVÀ
Andriananahare Mpiaolo ro hialy ho anahareo hambañe amy nanoe’e e Mitsraime
añe aolom-pihaino’ areoy; 31 naho tam-patrambey añe; fa niisa’ areo ty fiotroña’
IEHOVÀ Andriananahare’ areo, manahake ty fiotroña’ ondaty i ana-dahi’ey, amo lia’
areo iabio ampara’ te nivotrak’ an-tane atoy. 32 F’ie amy zay, tsy natokisa’ areo
t’IEHOVÀ Andriananahare’ areo, 33 i Mpiaolo am-pañaveloañey nipay ze hañoreña’
areo o kibohotseo, ie añ’afo ao te haleñe hanoroa’e ty lalan-kombà’ areo vaho an-
drahoñe ao te handro.

*Ty Vale’ ty Fiola’ Israele*
*Vol 14.20-45*

34 Ie jinanji’ IEHOVÀ i feon’ enta’ areo zay, le niviñetse vaho nifanta ty hoe: 35 Leo
raik’ amo retoañe—o tariratse raty reo—tsy hahaisake i tane soa nifañinàko hatolotse
aman-droae’ areoy, 36 naho tsy i Kalèbe ana’ Iefonè. Ie ty hahaisake, le hatoloko aze
naho amo tarira’eo i tane niliàm-pandia’ey ami’ty fañoriha’e fatratse IEHOVÀ. 37 Izaho
ka niviñera’ IEHOVÀ ty ama’ areo amy tsara’ey, ty hoe: Tsy himoak’ ao ka rehe. 38 I
Iehosoa ana’ i None, mpitoro’oy, ty himoak’ ao; osiho amy t’ie ty hampandova Israele
aze. 39 Le o keleia’ areoo, o natao’ areo ho nikopaheñeo, o ana’ areoo; i mboe tsy
nahilala ty soa naho ty raty henane zay rey ty himoak’ ao; le hatoloko iareo vaho
ho rambese’ iareo ho fanañañe. 40 F’inahareo ka, mitoliha naho mionjona mb’am-
patrambey miary amy Ria-Binday mb’eo.

41 Nanoiñ’ ahy ami’ty hoe nahareo, Toe anaña’ IEHOVÀ hakeo! Veka’e hionjoñe
hialy zahay ami’ty nandilia’ IEHOVÀ Andriananaharen-tika. Aa le songa nidiam-
pialiañe ondatio fa natao’e ho mora ty hionjoñe mb’am-bohibohitse mb’eo. 42 Le hoe
t’IEHOVÀ amako, Isaontsio ty hoe: Ko mionjom’ beo vaho ko mialy, amy te tsy añivo’
areo ao raho tsy mone ho rotsak’ aolo’ o rafelahi’ areoo. 43 Fe ndra te nivolañeko,
tsy nihaoñe’ areo. Niola amy nandilia’ IEHOVÀy, an-tsatrin-troke ty nionjona’ areo
mb’ am-bohibohitse mb’eo. 44 Niavotse, niatrek’ anahareo amy zao o nte-Amore
mpimoneñe am-bohitseo vaho nihoridañe’e hoe rene tantele. Rinotsa’ iareo am-
pibara e Seire pake Kormà añe. 45 Aa le nibalike naho nirovetse añatrefa’ IEHOVÀ, fe
tsy hinao’ IEHOVÀ ty fiarañanaña’ areo, tsy nanokilaña’e ravembia. 46 Aa le nitobe e
Kadese ao ela ty amo andro nitoboha’ areoo.

# 2

*O Taoñe An-dratraratrao*
1 Niotak' amy zao tika nionjomb' am-patrambey mb'eo, niary i Ria-Binday,
mb'ami'ty nanoroa' IEHOVÀ ahiko vaho nañariary i Vohi-Seirey andro maro. 2 Le
hoe ty nitsarae' IEHOVÀ amako: 3 Fa losotse ty fiariaria' areo ty vohitse toy. Mitoliha
mañavaratse, 4 le afantoho ty hoe ondatio: Ho rangae' areo ty tanen-drolongo'
areo, o tarira' i Esave mpimoneñe e Seireo, f'ie ho hembañe ama'areo, aa le mitaoa
5 tsy mone hihotakotak' am' iereo fa tsy hitalorako ndra zehem-pandia raik' amy
tane'iareoy amy te nimeako i Esave ho fanaña'e ty Vohi' Seire. 6 Ho vilie' areo
an-drala o mahakama'eo hikamà' areo, vaho hikaloa' areo rano an-drala hinoma'
areo. 7 Toe nitahie' IEHOVÀ Andrianañahare' areo amy ze hene satam-pità' areo naho
arofoana'e ty firanga' areo am-patram-bey atoy. Tsy eo ty nipaia' areo amy efa-polo
taoñe nindreza' IEHOVÀ Andrianañahare' areo rezay. 8 Aa le niarian-tika o tarira' i
Esave longon-tika mimoneñe e Seire ao, le nengan-tika ty lala' i Arabà naho navotson-
tika t'i Elate naho i Etsione-Gebere le nitsile vaho niary mb'amy lala' i fatrambei' i
Moabeiy mb'eo.
9 Le nanao ty hoe amako t'IEHOVÀ: Ko tsiborè'o t'i Moabe ndra hialy ama'e, fa tsy
ho meiko ndra kede amo tane'eo ho fanañañe, amy te natoloko amo tarira' i Loteo
ty Are ho fanaña'e. 10 (Nimoneña' o nte-Emeo zay te taolo: ondaty mijoalajoala naho
mitozantozañe, mira haabo amo nte-Anàkeo; 11 Betek' atao ty hoe nte-Refae iereo
manahake o nte-Anakeo, f'ie atao' o nte-Moabeo ty hoe nte-Emà. 12 Le nimoneñe e
Seire ao o nte-Koreo taolo, fa niroahe' o ana' i Esaveo, rinotsa'e miaolo iareo vaho
nitoboke an-tane' iareo ao, manahake ty anoe' Israele amy tane natolotse aze ho
fanaña'ey; i natolo' IEHOVÀ iareoy). 13 Miongaha arè, le itsaho o toraha' i Tseredeo.
Aa le nitsahan-tika i torahan-Tserèdey.
14 Le o andro nañaveloan-tika boake Kadese-Barneà am-para' t'ie nitsake i torahan-
Tseredeio, le taoñe telo-polo-valo' amby, ampara' te fonga nivetrak' añivo' i tobey
o lahindefoñe mpiharo-nonoo, amy nifantà' IEHOVÀ am' iereoy. 15 Toe nañonjona'
IEHOVÀ haoke hañombota'e amy màroy am-para' t'ie fonga nimongotse.
16 Naho hene nikoromake añivo' ondatio i lahindefoñe rezay, 17 le nitsara ty hoe
amako t'IEHOVÀ. 18 Hitsake i Are, efe-tane' i Moabe rehe te anito. 19 Ie miharine
ty efe-tane' o nte-Amoneo, le ko tsibore'o vaho ko ialiañe, fa tsy hañomeako ty
tane' iareo ho fanaña'o, amy te natoloko an-tarira' i Lote ho fanaña'e. 20 (Toe natao
t'ie tane' o nte-Refaeo ka; fa nimoneñe ao o nte-Refaeo taolo, ie nitokave' o nte-
Amoneo ty hoe Zam'zome, 21 ondaty maozatse naho vasiañeñe mira amo nte-Anakeo.
F'ie narotsa' IEHOVÀ aolo' iareo eo handimbeza' iareo fimoneñañe; 22 manahake ty
nanoe'e amo tarira' i Esave mimoneñe e Seireo ami'ty nandrotsaha'e o nte-Koreo
aolo' iareo, nandimbe iareo am-pimoneña'e pake henaneo; 23 naho o nte-Aveo, ie
nimoneñe e Katsere pak' Aza añe, le rinotsa' o nte-Kaftore boake Kaftoreo, vaho
nandimbe fiambesatse.) 24 Miongaha, tonjohizo ty lia' areo, itsaho o vavatane' i
Arnoneo. Ingo fa natoloko am-pità' areo t'i Sihone nte-Amore mpanjaka' i Khesbone
naho ty tane'e. Miorota mitavañe, naho tameo añ'aly. 25 Hampihembañeko naho
hampirevendreveñeko ama'o henane zao ze hene ondaty ambanen-dikerañeo; ie
mijanjiñe azo le hitititititike ami'ty anifañe.

*Ty Fandrotsahañe i Sihone Mpanjaka*
*Vol 21.21-32*
26 Aa le nampisangitrifeko ìrake boak' am-patrambein-Kedemote ao ho mb'e Sihone
Mpanjaka' i Khesbone añe, le hoe ty entam-panintsiñako ama'e: 27 Angao raho
hiranga ty tane'o, fa i lalañey avao ty horiheko, tsy hitsile ndra mañavana ndra

mañavia. 28 Haleta'o drala amako ty mahakama hihinanako, vaho ie fahana' areo
rano hinomako, le ho soloako bogady, fe apoho ho rangaeko an-tomboke ty tane'o—
29 hambañe ami'ty nanoe' o tarira' i Esave mimoneñe e Seireo amako naho ty
nanoe' o nte-Moabe mpimoneñe e Areo ka—ampara' te itsahako Iardeney mb'an-
tane nitolora' Iehovà Andriananañahare'ay mb'eo. 30 Fe tsy nimete hampiranga an-tika
t'i Sihone Mpanjaka nte-Khesbone fa nampigan-troke aze t'Iehovà Andriananañahare'
areo vaho nampitokie'e ty arofo'e hanolora'e aze am-pità' areo, le ie henaneo.
31 Aa hoe t'Iehovà amako: Ingo, fa namototse hanolotse i Sihone naho i tane'ey
ama' areo raho, aa le miorota henane zao hangalake i tane'ey ho lova' areo. 32 Aa
le niavotse haname an-tika t'i Sihone, ie naho ondati'e iabio, hihotakotake ty aly e
Iàhatse añe, 33 le natolo' Iehovà Andriananañaharentika aolon-tika vaho linafa-tika
naho o tiri'eo naho ondati'e iabio. 34 Le hene tinavan-tika o rova'eo henane zay,
le fonga zinaman-tika ze ondaty ndra rakemba ndra ajaja amo rovao. Tsy napon-
tika ndra honka'e. 35 O hareo avao ty rinamben-tika ho fikopahañe rekets' o raha
kinopak' amo rova tinavan-tikañeoo. 36 Boak' Arore aolo' i vavatane Arnoney (rekets'
i rova am-bavataney) pake Gilàde le tsy teo ty rova loho abo tsy nilefe, fonga natolo'
Iehovà Andriananañaharentika amantika. 37 Fe tsy niharinea' areo o tanen' ana' i
Amoneo, ndra aia aia amy saka' Iabokey ndra amo rova ambohibohitseio, ndra aia
aia nandrarà' Iehovà Andriananañaharentika antika.

# 3

*Gioke t'i Oge*
*Vol 21.33-35*

1 Aa le nitolike tika nionjoñe amy lalañey mb'e Basane mb'eo vaho niavotse hiatrek'
antika t'i Oge mpanjaka' i Basane, ie naho ondati'e iabio, hialy Edrey. 2 Hoe t'Iehovà
amako, Ko ihembaña'o fa natoloko am-pità'o naho ondati'e iabio vaho o tane'eo. Ano
ama'e hambañe amy nanoe'o i Sihone, mpanjaka' i Amore nimoneñe e Khesboney.
3 Aa le natolo' Iehovà Andriananañaharentika am-pitàn-tika ka t'i Oge mpanjaka' i
Basane naho ondati'e iabio, le rinotsan-tika vaho tsy nengan-tsehanga'e. 4 Ie amy
zay, tinavan-tika o rova'e iabio; le tsy teo ty rova'e tsy tinavan-tika—rova enempolo,
ze hene tane' i Argobe, ty fifehea' i Oge e Basane ao. 5 Songa narovañe an-kijoly abo
o rovao, lalambey naho sikadañe, tovo' irezay o tanàñe tsi-fotofoto tsy aman-kijolio.
6 Fonga binaibain-tika hambañe ami'ty nanoan-tika i Sihone mpanjaka' i Khesbone,
songa zinaman-tika ze lahilahy naho rakemba vaho keleiañe amy ze rova iaby. 7 Fe
hene rinamben-tika ze añombe naho vara amo rovao ho tsindroke.
8 Le tinavan-tika boak'am-pitàm-panjaka nte-Amore roe amy andro zay ty tane
alafe' Iardeney atoy mifototse amy saka Arnoney pak' am-bohi-Kermone añe; 9 (Atao'
o nte-Tsidoneo ty hoe Sirione ty Kermone, le atao' o nte-Amoreo ty hoe Senire;) 10 le
ze rova an-tanemira ey, naho i Gilàde iaby le i Basane iaby, pake Salkà añe vaho
i Edrey, o rova am-pifehea' i Oge nte-Basaneo. 11 I Oge mpanjaka' i Basane ty ni-
sengaha' o fanalolahio; inao te fandream-by ty fandrea'e, mbe e Rabate ao zay amo
ana' i Amoneo. Sive kiho ty an-dava'e naho efatse kiho ty ampohe'e an-kiho tsotra.
12 Le natoloko amo nte-Reobeneo naho amo nte-Gadeo i tane rinamben-tika amy
andro zaiy, boak' Aroere añ' olo' i saka Arnoney naho ty tampa' i Vohi-Gilàdey, naho o
rova'eo. 13 Le natoloko amy vakim-pifokoa' i Menasèy ty sisa' i Gilade naho i Basane
iaby, toe ty fifehea' i Oge, le nitokaveñe ty hoe tanem-panalolahy ze hene tane' i
Argobe mitraoke amy Basane iaby. 14 Iaire ana' i Menasè ty nandrambe ty tane'i
Argobe pak'añ'olo' i Gesory naho i Maàkaty añe vaho nitokave'e amy tahina'ey ty
hoe: Basane-kavote-Iaire pake henane. 15 Le natoloko amy Makire ty Gilade. 16 Le
natoloko amo nte-Reobeneo naho amo nte-Gadeo ty tane boake Gilade pak' an-tsaka'

Arnone, ty aivo' i vavataney ro efe'e, pak' an-tsaka' Iabòke eo, ty efe-tane' o ana' i
Amoneo; 17 naho i tane Mìray, Iardeney ty efe'e, le boak'e Kinerete pak' an-dria' i
antanemira, i ria-tsiray, am-potom-piroroña' i Asdote-Pisgà maniñanañe.
18 Le hoe ty nandiliako anahareo henane zay: Fa natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'
areo ho fanaña' areo o tane atoio le hitsake reke-pialiañe aolo' o rahalahi' areo ana'
Israeleo ze mahatan-defo ama' areo iaby. 19 Fe hidoñe amo rova natoloko anahareoo o
vali' areoo, o keleia' areoo, naho o añombe' areoo (apotako te maro ty añombe' areo);
20 aa naho nampitofà' IEHOVÀ manahak' anahareo o rahalahi' areoo, naho fa nitobea'
iareo ka ty tane natolo' IEHOVÀ Andrianañahare' areo alafe' Iardeney añe, zay vaho
himpoly nahareo—ze fonga ondaty—mb' an-tane'e mb'eo, i natoloko anahareoy.
21 Le nafantoko am' Iehosoa amy andro zay ty hoe, Toe hene nioni-pihaino'o ty
nanoe' IEHOVÀ Andrianañahare'o i mpanjaka roe rey, le zay ka ty hanoe' IEHOVÀ ze
fifeheañe irangà' areo. 22 Ko ihembaña' areo fa IEHOVÀ Andrianañahare' areo ty
mialy ho anahareo.

*Talake boak'e Pisgà*

23 Ie amy zay, nihalaly am' IEHOVÀ raho ami'ty hoe: 24 O Talè IEHOVÀ, ie vaho
niorotse nampiboake ty hajabahina'o naho ty haozara'o ami'ty mpitoro'o, le ia ty
ndrahare an-dikerañe ao ndra an-tane atoy ty mahafitoloñe hambañe amo anoe'oo
naho o sata'o ra'elahio? 25 Ehe te henga'o hitsake mb'eo raho hahatreavako i tane
fanjaka alafe' Iardene añey, o vohibohitse soao naho i Lebanone. 26 F'ie niviñera'
IEHOVÀ ty ama' areo le tsy nihaoñe'e. Hoe t'IEHOVÀ amako, Fa eneñe i azoy! ko
isaontsia'o ka. 27 Miañambonea mb' an-dengo' i Pisgà mb'eo le miandrà makandrefa
naho mañavaratse naho mañatimo naho maniñanañe eñe. Italakeso am-pihaino,
f'ie tsy hitsake Iardeney. 28 Afantoho t'Iehosoa naho osiho vaho haozaro, amy t'ie
ro hitsake hiaolo ondaty retia, le ie ty hampandova iareo o tane ho isa'oo. 29 Aa le
nitamañe am-bavatane tandrife i Bete-piore eo tika.

# 4

*Mandily Fivohorañe t'i Mosè*

1 Ie amy zao ry Israele, janjiño o fañè naho fepètse añòhako anahareo hanoeñeo,
soa t'ie ho veloñe hahafimoake vaho handova i tane atolo' IEHOVÀ Andrianañaharen-
droae' areo ama'areoy. 2 Ko tovoña' areo o tsara liliekoo naho ko añafahañe*, vaho
ambeno o lili' IEHOVÀ Andrianañahare' areo afantoko ama' areoo.
3 Niisam-pihaino'areo ty nanoe' IEHOVÀ amy Baale-Peore, ty amo fonga ondaty
nañorike i Baale-Peoreo; fa narotsa' IEHOVÀ Andrianañahare'o ama'areo irezay—
indaty nañorike i Baal-peore rey. , 4 f'ie nifahatse am' IEHOVÀ Andrianañahare' areo,
le songa veloñe androany.
5 Ingo te nanareko o fañè naho fepetse nafanto' IEHOVÀ Andrianañahareko amakoo
hañoriha' areo an-tane himoaha' areo ho lovae' areo henaneo. 6 Aa le oriho naho
anò, fa zay ty hihi' areo naho ty hilala' areo am-pahaisaha' ondatio, le ie mahajanjiñe
o hene fañèo ro hanao ty hoe: Toe ondaty mahihitse naho mahilala ty foko ra'elahy
tiañe. 7 Fa ia ty foko aman-drahare hañirinkiriñe IEHOVÀ Andrianañaharen-tika,
mpanoiñe ndra mbia' mbia ikanjiantika. 8 Ia ka ty foko amam-pañè naho fepètse
vantañe manahake i Hake fonitse taroñeko ama' areo androaniy.
9 Aa le mitomira, vontitiro añ' arofo tsy mone handikofa' areo o raha niisam-
pihaino' areoo vaho ko anga' areo himolaotse am-pitsakoreañe amo hene andro
hiveloma' areoo; fe ampaharendreho o ana' areoo naho o afe' areoo, 10 mentsake
i nijohaña' areo añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare' areo e Korebey, ie nanao ty hoe

* 4:2 Its 12:32, Rzs 30:6, Ben 22:18-19

amako t’IEHOVÀ, Atontono ondatio hijanjiñe o fivolakoo, hioha’ iareo ty hañeveñ’
amako amo hene andro hiveloma’ iareo an-tane atoio, vaho hanare’ iereo hanao
zay ka o keleia’eo. 11 Aa ie nitotoke mb’eo le nijohañe ambane’ i vohitsey,
naho nilebalebà’ ty afo naneñateña i likerañey i vohitsey ie nisaroñan-drahoñe
nimoromoroñe. 12 Le nitsara ama’ areo boak’amy afoy t’IEHOVÀ. Jinanji’ areo ty
feo’ i tsaray, fe tsy niisa’ areo ty vinta’e, i fiarañanañañey avao. 13 Tsinei’e ama’
areo i fañina linili’e ama’ areo horiheñey: i tsara folo pinate’e am-bato roe rey.
14 Le nafanto’ IEHOVÀ amako henane zay ty hañohako anahareo o fañè naho fepètse
hañoriha’ areo an-tane hitsaha’ areo ho lovaeñeo.
15 Aa kanao tsy nahaonim-bintañe nahareo te nitsara ama’ areo e Korebe añe
boak’añ’ afo ao t’IEHOVÀ, le mitomira, 16 tsy mone hameta vatañe am-pitseneañe
saren-draha ho anahareo ami’ty vintañ’ inoñ’ inoñe—ke lahy he ampela, 17 ke
amam-bintam-bibi’ ty tane toy, he amam-bintam-boroñe aman’ elatse mitiliñe amo
tiokeo, 18 ke amam-bintan-draha milalilaly an-tane, he amam-binta’ ze fiañe an-drano
ambane’ tane ao. 19 Le he miandra mb’ andikerañey rehe mahaisake i àndroy,
i volañey, naho o vasiañeo, naho i valobohòn-dikerañey, vaho mivik’ mb’ama’e
naho mibabok’ ama’e hitoroñe irezay, o natolo’ IEHOVÀ Andrianañahare’o amy ze
kila ondaty ambanen-dikerañeo. 20 Fe rinambe’ IEHOVÀ nahareo le hinaha’e amy
fampitranaham-biy ao, boake Mitsraime añe, ho ondatim-panaña’e: le ie henaneo.
21 Ie amy zao niviñetse amako t’IEHOVÀ ty ama’ areo, ie nametse te tsy hitsahako
Iardeney vaho tsy himoahako i tane fanjaka atolo’ IEHOVÀ Andrianañahare’o azo ho
lovay; 22 f’ie hikenkañe an-tane atoy, tsy hitsake Iardeney; f’inahareo ro hitsake naho
hitavañe i tane fanjakay.
23 Aa le mitaoa tsy handikofa’ areo i fañina nanoe’ IEHOVÀ Andrianañahare’
areo ama’ areoy ke hitsene sarem-bintañe, ke sareñ-inoñ’ inoñe nandrara’ IEHOVÀ
Andrianañahare’o azo. 24 Fa afo mahaforototo t’IEHOVÀ Andrianañahare’o, Andri-
anañahare Mpamarahy.
25 Ie nahatoly anake naho afe naho fa nierañerañe ela an-tane ao, naho manao
hakarapiloañe am-pitseneañe sarem-bintañe ke sareñ-inoñ’ inoñe vaho manao tiva
am-pivazohoa’ IEHOVÀ Andrianañahare’o, hikaiha’ areo ty haviñera’e, 26 le ho
koiheko henaneo i likerañey naho ty tane toy hitalily ama’ areo t’ie kila hihomak’
aniany an-tane himoaha’ areo am-pitsahañe Iardeney, handova’ areo, le tsy ho lava-
ohatse fa ho vata’e mongoreñe. 27 Ie hampiparaitahe’ IEHOVÀ am’ ondatio añe; toe tsy
ampeampe ty ho sehanga’ areo amo kilakila ondaty handroaha’ IEHOVÀ anahareoo.
28 Ho toroñe’ areo añe ty ‘ndrahare rinanjim-pità’ ondaty; hatae naho vato, songa tsy
mahatrea, tsy mahatsanoñe, tsy maha-filintseñe vaho tsy maha-antsoñe.
29 Aa ie añe ro hipaia’ areo IEHOVÀ Andrianañahare’o, le ho oni’o naho tsoehe’o
añ-kaampon’arofo† naho an-kaliforam-pañova. 30 Ie ami’ty falovilovia’o, naho fa
hene nifetsaha’ irezay amo andro añeo, le himpoly am’ IEHOVÀ Andrianañahare’o
vaho ho haoñe’o i fiarañanaña’ey; 31 Amy te Andrianañahare tretram-po t’IEHOVÀ
Andrianañahare’o, tsy haforintse’e, tsy hampimodoe’e; tsy ho haliño’e i fañina aman-
droae’o nifantà’e am’ iereoy.
32 Ie amy zao añontaneo o sa haehaeo, o taolo’oo, ampara’ i andro nitsenen’
Añahare ondaty an-tane atoio; añontaneo boak’ añ’olon-dikerañ’ añe pak’ añ’olo’e
ka; he teo ty nifetsahan-draha tsitantane hoe itiañe, ke eo ty nahajanjin-ty
mañirinkiriñe aze? 33 Aa vaho eo hao t’indaty nahajanjiñe ty fiarañanañan’
Añahare nitsara ama’e boak’ añ’afo ao, manahake i jinanji’oy, t’ie mbe veloñe?
34 Hera teo ty ‘ndrahare nimane hangalake foko ho am-bata’e boak’ amo kilakila’
ondatio am-pitsohañe naho am-biloñe naho an-draha tsitantane vaho añ’ aly,

† **4:29** Iir 29:13

andela-pitàñe maozatse naho am-pitàñe natora-kitsy, am-pampiboahan-kaozarañe
mahalatsa manahake o hene nanoe' IEHOVÀ Andrianañahare' areo ho anahareo e
Mitsraime añe añatrefam-pihaino'oo? 35 Ie nampiboaheñe ama'o, hatokisa'o te
toe Andrianañahare t'IEHOVÀ; le tsy eo naho tsy ie avao. 36 Nampijanjiñe'e azo
boak'andikerañe ao ty fiarañanaña'e hanoroa'e azo, naho nampiboaha'e an-tane
atoy ty afo'e jabajaba, vaho jinanji'o boak' amy afoy o tsara'eo. 37 Kanao nikokoa'e o
roae'oo, le jinobo'e o tariratse nandimbe iareoo, naho nampiengà'e i Mitsraime amy
fiatrefa'e naho an-kaozara'e ra'elahy 38 hanoe'e soik' aolo'o eo o rofoko maozatse
naho bey te ama'oo, hampihova'e azo ao, hitolora'e i tane' iareoy ho lova'o, le ie
henaneo.

39 Aa le mahafohina androany vaho vontitiro añ' arofo ao te Andrianañahare
andikerañe ao naho an-tane ambane'e atoy t'IEHOVÀ, tsy aman-tovo'e. 40 Ambeno
o fañè'eo naho o lili'eo; o andiliako azo androanio hahasoa azo naho ty tariratse
hanonjohy azo soa t'ie ho tamañe an-tane atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo ho
nainai'e donia.

### *Rova Fitsolohañe Atiñana' Iardeney*

41 Le navì' i Mosè ty rova telo alafe' Iardeney mb'am-panjiriha' i àndroy mb' atoy
42 hivoratsaha' ty namono-ondaty, ie namono ondaty tsy an-tsatri'e, ie le lia'e tsy
nimpirafelahy ama'e taolo, le mete hitriban-day mb'ami'ty raik' amy rova fitsolohañe
rey himoneña'e: 43 i Betsere am-patrambey an-tane mira ho a' o nte-Reòbeneo, i
Ramote e Gileade ao ho a' o nte-Gadeo, vaho i Golane e Basane ao ho a' o nte-Menasèo.

### *Taro'e Faharoe*

44 Zao ty Hake nitaroñe' i Mosè amo ana' Israeleo. 45 Zao o taroñe naho fañè naho
fepètse nisaontsie' i Mosè amo ana' Israeleo, ie fa niavotse i Mitsraimeo, 46 alafe'
Iardeney atoy am-bavatane tandrife i Bete-peore, an-tane' i Sihone mpanjaka' i Amore
nimoneñe e Khesbone, i ginio' i Mosè naho o ana' Israeleo, ie fa nienga i Mitsraimey.
47 Nimoneña' iereo i taney naho an-tane' i Oge mpanjaka' i Basane, ty mpanjaka
roe' o nte-Amoreo alafe' Iardeney mb' am-panjirihan' andro atoañe, 48 mifototse e
Aroere añ'olom-bavatane Arnone eo pak' am-bohi-Sione añe (i Kermòne zay) 49 naho i
ratraratra iaby atiñana' Iardene añey pak' an-dRiak'Arabà ampoton-kerakera' i Pisgà
eo.

## 5

### *Ty Tsara Folo Avo. 20.1-17*

1 Kinoi' i Mosè t'Israele iaby, le nanoe'e ty hoe: Janjiño ry Israele, o fañè
naho fepètse taroñeko an-dravembia' areo androanio: le ianaro naho itomiro
vaho anò. 2 Nifañina amantika e Korebe añe t'IEHOVÀ Andrianañaharen-tika;
3 tsy o roaen-tikañeo ty nifañina' IEHOVÀ fa itika, eka itikañe, itika veloñ' etoañe
henanekeo. 4 Nifanaontsy am-piatrefan-daharañe ama' areo t'IEHOVÀ boak' am-
bohitse ey; hirik' amy afoy ao, ( 5 Nijohañe añivo' IEHOVÀ naho inahareo raho henane
zay hampalangesako ama' areo ty tsara' IEHOVÀ, ie nañembañe anahareo i afoy vaho
tsy nete nionjom-b' amy vohitsey mb'eo) nanao ty hoe:

6 Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'o nampienga azo an-tane Mitsraime añe boak' an-
trañom-pañondevozañe ao.

7 Tsy ho aman-drahare ila'e rehe naho tsy Zaho avao.

8 Ko mitsene samposampon-draha, ndra saren' inoñ' inoñe andikerañe ao, ndra
an-tane ambane'e atoy, ndra an-drano ambane' ty tane toy ao. 9 Ko ibokobokoa'o
ndra italahoa'o; fa Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'o ro Andrianañahare Mpamarahy,
mandilo anake ami'ty hakeon-droae'e pak'an-tariratse faharoe naho fahatelo' o

malaiñ' ahio, 10 f'ie manolotse fikokoa-migahiñe pak'an-tariratse faharivo' o mikoko
ahy vaho miambeñe o lilikoo.
11 Ko vaveñe tsy vente'e ty tahina' IEHOVÀ Andrianañahare'o, fa tsy havotso' IEHOVÀ
ze mañamaivañe i tahina'ey.
12 Ambeno ty andro Sabotse hampiavahañ' aze, ami'ty nandilia' IEHOVÀ An-
drianañahare'o azo. 13 Eneñ' andro ty hanoe'o ze hene tolon-draha'o. 14 Fe
andro Fitofa' IEHOVÀ Andrianañahare'o ty andro faha-fito; ko mifanehak' ama'e,
ndra ihe ndra ty ana-dahi'o ndra ty anak' ampela'o ndra ty ondevo'o lahy ndra
ampela, ndra ty añombe'o ndra ty borìke'o ndra inoñ' inoñe amo hare'oo ndra
o renetane mpimoneñe an-drova'oo, soa te songa hitofa ka ondevo-lahy naho
ampela'oo. 15 Tiahio t'ie niondevo an-tane Mitsraime añe le nampiengà' IEHOVÀ
Andrianañahare'o an-dela-pitàñe maozatse naho am-pitàñe natora-kitsi'e; aa le linili'
IEHOVÀ Andrianañahare'o te hambena'o ty andro Sabotse*.
16 Iasio ty rae'o naho i rene'o, ami'ty nandilia' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo, soa
t'ie ho lava-andro naho ho soa tahy an-tane atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo.
17 Ko mañoho-doza.
Ko mangala-bali' ondaty,
Ko mampikametse,
Ko mitalily vilañe ondaty,
18 Ko mihañe ty vali' ondaty, le ko mitsikirìke ty anjomban-drañe'o ndra ty tete'e
ndra ty ondevo'e lahy ndra ampela ndra ty vosi'e ndra ty borìke'e ndra inoñ'inoñe
a ondatio.

*I Mosè, Mpañalañalañe*
*Avo 20.18-21*
19 Nipazahe' IEHOVÀ ami'ty valobohò' areo hirik' am-bohitse ey boak'añ'afo ao naho
amy rahoñey naho amy hamoromoroñañey, am-piarañanañañe abo i tsaray vaho tsy
nitovoñañe. Pinate'e an-dravem-bato roe izay, vaho natolo'e ahiko. 20 Le nahajanjiñe
i fiarañanañañe boak' an-kamoromoroñañey nahareo, ie niforehete' ty afo i vohitsey,
le nañarine ahy ze hene talèm-pifokoa' areo naho o androanavi' areoo; 21 le hoe ty
asa' areo, Ingo te naboa' IEHOVÀ Andrianañaharentika amantika ty enge'e naho ty
hajabahina'e le jinanjintika i fiarañanaña'ey boak' amy afoy ao, naho nionintika
henane zay te toe mitsara ama' ondaty t'i Andrianañahare vaho mitambeloñe iereo.
22 Ie amy zao ino ty hivetraha'ay avao? Toe hamorototo anay o afo jabajabao naho
mbe hijanjiñe ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañaharentika, le vata'e hikoromake.
23 Fa ia amy ze hene atao nofotse ty nahajanjiñe ty fiarañanañan' Andrianañahare
veloñe boak' añ'afo ao, manahake i nijanjiñen-tikañey vaho mbe nahatambeloñe?
24 Miharinea mb'eo rehe, le janjiño ze hene tsarae' IEHOVÀ Andrianañaharentika.
Le fonga taroño ama'ay ze nitsara' IEHOVÀ Andrianañaharentika ama'o, le hijanjiñe
vaho hanoe'ay.
25 Jinanji' IEHOVÀ o fisaontsi' areoo, i nisaontsia' areo amakoy, le hoe t'IEHOVÀ
amako: Fa tsinanoko o entañe sinaontsi' ondatio ama'oo; le soa-fehe iaby o saontsi'
iareoo. 26 Ee te nanao hoe zao nainai'e ty arofo'iareo t'ie nañeveñe amako, naho
nañambeñe o nandiliako iabio, soa te hanintsiñe nainai'e iereo naho o amori'iareoo.
27 Akia arè, isaontsio himpolia' iareo mb'an-kiboho' iareo mb'eo. 28 F'ihe, mijohaña
marine ahy atoy le ho taroñeko ama'o ze hene Lily, naho fañè naho fepètse, hañòha'o
iareo hañorike irezay an-tane atoloko iareo ho fanañañe añe.
29 Aa asoao te hanoe' areo ze andilia' IEHOVÀ Andrianañahare' areo, tsy hiotake
mb'am-pitàn-kavana ndra havia, 30 fe horihe' areo aman-kahiti'e ze hene lala linili'

* **5:15** Avo 20:10, 31:13-18, Mar 3:45

IEHOVÀ Andrianañahare' areo, soa t'ie ho veloñe naho ho tahie'e vaho ho lava haveloñe an-tane fanaña' areo atoy.

# 6

*Ty Lily Ra'elahy*

1 Intoy arè ty lily naho ty fañè naho o fepetse linili' IEHOVÀ Andrianañahare' areo*
ahy hañòhañe anahareoo, hambenañe amy tane hitsaha' areo ho tavaneñey, 2 soa
te hañeveña'o t'IEHOVÀ Andrianañahare'o naho hambena'o ze hene fañè'e naho
fepètse andiliako azo, ihe naho i ana'oy naho o anan' ana'oo amo andro hiveloma'o
iabio, soa t'ie ho lava-haveloñe.
3 Aa le mijanjiña, ry Israele, ambeno naho ano, soa te ho tahie'e, hibodobodoa'o
amy tane orikorihen-dronono naho tanteley, amy nitsara' IEHOVÀ Andrianañaharen-
droae'o.
4 Mijanjiña ry Israele! IEHOVÀ Andrianañaharentika: raike t'IEHOVÀ. 5 Kokò
t'IEHOVÀ Andrianañahare'o an-kaàmpon' arofo'o naho an-kaliforam-pañova'o vaho
an-kaozara'o iaby.
6 Ambeno añ'arofo'o ao o tsara lilieko ama'o androanio. 7 Anaro an-kahimbañañe o
ana'oo, le taroño naho miambesatse añ' anjomba'o ao naho mañavelo amy lalañey
naho am-pandrea'o ao vaho am-pitroara'o. 8 Feheo am-pità'o zay ho viloñe naho
reketo ho alama an-dahara'o eo 9 naho sokiro an-tokonan' anjomba'o eo vaho an-
dalambei'o eo.

*Hatahata t'ie Manjehatse*

10 Aa naho fa nampihovae' IEHOVÀ Andrianañahare'o amy tane nifantà'e aman-
droae'o Avrahame naho Ietsake naho Iaàkobe hatolo'e azo, reke-drova jabajaba naho
fanjàka tsy rinanji' areoy, 11 naho anjomba pea ty raha soa tsy natsahe'o, kadaha
hinaly tsy nihalie'o, tanem-baloboke naho firiritan-katae olive tsy naketsa'o—aa ie
mikama ampara' te anjañe, 12 asoao tsy handikofa'o t'IEHOVÀ nañavotse azo an-tane
Mitsraime añe, boak' an-trañom-pañondevozañe ao. 13 IEHOVÀ Andrianañahare'o
ty irevendreveña'o, ie ty hitoroña'o, vaho i tahina'ey avao ro ifantà'o.
14 Ko mañorike ndrahare ila'e, o ndrahare' ondaty mañohok' anahareoo, 15 amy
te Andrianañahare mpamarahy añivo'o ao t'IEHOVÀ Andrianañahare'o; ke hiviañe
ama'o ty fifombo' IEHOVÀ Andrianañahare'o vaho ho faopaohe'e an-tane atoy.
16 Ko mitsoke IEHOVÀ Andrianañahare' areo, manahake ty nitsoha' areo aze e Masà
añe. 17 Fe ambeno an-kahimbañañe o lili' IEHOVÀ Andrianañahare' areoo naho o
fañè'e naho fepè'e linili'e ama'oo. 18 Ano am-pivazohoa' IEHOVÀ ty hatò naho ty
hasoa, hiraoraoa'o naho himoaha'o naho handova'o i tane soa nifantà' IEHOVÀ aman-
droae'oy, 19 vaho haronje'e aolo'o mb'eo ze fonga rafelahi'o, amy nitsarae' IEHOVÀy.
20 Ie mañontane azo ty ana'o amo andro añeo ty hoe, Ino ty foto' o taroñe naho
fañè vaho fepetse nililie' IEHOVÀ Andrianañaharen-tika ama' areoo? 21 Le ty hoe ty ho
saontsie'o amo ana'oo, Niondevo' i Parò e Mitsraime añe tika, fe nampiengà' IEHOVÀ
boake Mitsraime ao an-dela-pitàm-patratse. 22 Nampiboake viloñe am-pitoloñañe
ra'elahy naho nampalovilovy amy Mitsraime naho amy Parò vaho amo añ'anjomba'e
iabio añatrefam-pihainontika t'IEHOVÀ. 23 Navota'e boak'ao tika hampihovae'e atoy,
hanolora'e antika i tane nampitamae'e am-panta te hatolo'e an-droaen-tikañey. 24 Ie
amy zay, linili' IEHOVÀ tika ty hañorike o hene fañèo, ty hañeveñe am' IEHOVÀ
Andrianañaharen-tika ho fañasoàñe antika nainai'e, hampitambeloma'e antika, le
hehe t'ie henaneo. 25 Aa le havañonan-tika t'ie mañambeñe an-kahimbañañe o lili†'
IEHOVÀ Andrianañaharen-tikañeo, amy nandilia'e antikañey.

---

* **6:1** Its 5:22 † **6:25** Sab 119:172, Ies 51:7

# 7

*Ondaty Jinoboñe*
*Avo. 34.10-16*

1 Ie asese' IEHOVÀ Andrianañahare'o mb'amy tane himoaha'o naho ho tavane'oy,
naho asiotsio'e mb' aolo'o mb'eo ty fifeheañe maro: o nte-Kiteo, o nte-Girgaseo, o nte-
Amoreo, o nte-Kanàneo, o nte-Perizeo, o nte-Kiveo, vaho o nte-Iebosèo, fifeheañe fito
maozatse naho maro te ama'o, 2 naho atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o ama'o vaho
giohe'o, le tsy mete tsy mongore'o. Ko ifañina'o naho ko itretreza'o. 3 Ko ifangalam-
baly, ko anolora'o anak' ampela o ana-dahi'eo ndra andrambesan' anak' ampela i
ana-dahi'oy, 4 amy te hampiambohoe'e ty ana'o tsy hañorik' ahy hitoroñe ndrahare
ila'e. Le hisolebotse ama'o ty haviñera' IEHOVÀ vaho harotsa'e aniany. 5 Fe inao
ty hanoa'o iareo; demoho o kitreli' iareoo, kimokimoho o hazomanga' iareoo, naho
firao o Asere' iareoo vaho ampiforototò an' afo o vongan-draha sinokitseo. 6 Ondaty
miavake am' IEHOVÀ Andrianañahare'o rehe, ie jinobo' IEHOVÀ Andrianañahare'o
amy ze kila ondaty ambone' ty tane toy ho vara'e.

7 Tsy t'ie nimaro ta ondaty ila'eo te napite' IEHOVÀ ama' areo ty fikokoañe
ndra ty fijoboña'e, toe nitsiampe te amy ze hene ondaty; 8 fa ty fikokoa' IEHOVÀ
anahareo naho ty nañambena'e i fañina nifantà'e aman-droae' areoiy, ty nampi-
engà' IEHOVÀ anahareo an-dela-pità'e maozatse vaho nijebaña'e boak'amy trañom-
pañondevozañey, hirik' am-pità' i Parò mpanjaka' i Mitsraimey. 9 Mahafohina arè
te toe Andrianañahare t'IEHOVÀ Andrianañahare'o naho Andrianañahare migahiñe
mpitam-pañina naho fiferenaiñañe amo mpikoko azeo vaho mañorike o lili'eo
pak'an-tarira'e fah'arivo', 10 fe avaha'e an-dahara' o manjehatse azeo. Tsy malaon-
dre fa valea'e an-tarehe'e eo ze malaiñe aze. 11 Aa le ambeno ty lily naho o fañè naho
fepetse andiliako azo androanio, vaho oriho.

*Tata t'ie mivohotse*
*Vol 26.1-13; Its 28.1-14*

12 Ie amy zao, naho haoñe'o o fañè rezao naho ambena'o naho orihe'o, le havotinti'
IEHOVÀ Andrianañahare'o ama'o i fañina naho fikokoa-migahiñe nifantà'e aman-
droae'oy; 13 ho kokoa'e rehe, ho tahie'e vaho hampibodobodoe'e; ho tahie'e ty vokan-
kovi'o naho ty vokan-tane'o, ty ampemba'o, ty divai'o naho ty mena'o naho ty
fitomboa' o añombe'oo naho ty famorohotan-dia-rai'o amy tane nifañinà'e aman-
droae'o hatolo'e azoy. 14 Ho soa-tahy amy ze kila ondaty rehe, tsy eo ty ho betsiterak'
aman-dahilahy ndra ampela, vaho tsy ho pok'anake o añombe'oo. 15 Hafaha' IEHOVÀ
ama'o ze hene hasilofañe naho tsy hafetsa'e ama'o o angorosy nifohi'o e Mitsraime
añeo, fe hapo'e amo malaiñ' azoo. 16 Fonga habotse'o ze ondaty atolo' IEHOVÀ
Andrianañahare'o azo, ko iferenaiñam-pihaino'o vaho ko toroñe'o o ndrahare'
iareoo fa ho fandrik' ama'o.

17 Ie manao ty hoe an-troke ao: Maro te amako o rofoko zao, aia ty hanoako
soike iareo. 18 Ko ihembaña'o, tiahio avao ty nanoe' IEHOVÀ Andrianañahare'o
amy Parò naho amy Mitsraime iaby, 19 o fitsohañe ra'elahy niisam-pihaino'oo, o
viloñeo naho o raha tsitantaneo, i lela-pitàñe maozatsey naho i fitàñe natora-
kitsi'e nañavota' IEHOVÀ Andrianañahare'o boak'añey, ro mbe hanoe' IEHOVÀ
Andrianañahare'o amy ze hene ondaty irevendreveña'o, 20 vaho hampisangitrife'
IEHOVÀ Andrianañahare'o am' iareo ty fanenetse, ampara' te fonga miantantiry
ze sehanga'e mietake. 21 Ko miriatsandry am' iareo, amy te añivo'o ao t'IEHOVÀ
Andrianañahare'o; Andrianañahare jabahinake naho mampañeveñe. 22 Hasiotsio'
IEHOVÀ Andrianañahare'o aolo'o mb'eo erike o rofoko rezay; f'ie tsy ho fonga
mongore'o aniany tsy mone ho losotse ama'o o bibin-kivokeo. 23 Toe hatolo' IEHOVÀ

Andrianañahare'o ama'o iereo, vaho ho rotsahe'e am-pandrebahañe ra'elahy ampara' te zamane'e iaby. [24] Hatolo'e am-pità'o o mpanjaka'eo vaho ho faopaohe'o ambanen-dikerañe atoy ty tahina' iareo, tsy eo t'indaty hahafiatreatre azo, am-para' te narotsa'o. [25] Ho forototoe' areo ze saren-drahare' iareo. Ko tsikirihe'o ty volafoty ndra volamena ama'e ndra mandrambe aze ho azo, fa ho fandrik' ama'o, toe tiva amy IEHOVÀ Andrianañahare'o. [26] Ko minday raha tiva añ'anjomba'o ao ke hindre hafàtse ama'e rehe. Vata'e hejeo naho apoho hoe mampangory, ie fa navike harotsake.

# 8

### *Ko mandikoke an'Andrianañahare*

[1] Mitomira, hambena' areo ze hene' lily lilieko ama'o androany, soa t'ie ho veloñe naho hibodobodo te hizilik' ao naho handova i tane nampitama' IEHOVÀ aman-droae' areo am-pantay.

[2] Tiahio o làlañe iaby niaoloa' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo amy taoñe efa-polo andratraratra añe reio, ie nampireke naho nitsok' azo haharendreke ze añ' arofo'o ao, he hambena'o o lili'eo ke tsie. [3] Toe nampireha'e, le nampisalikoa'e, vaho nanjotsoa'e mane tsy nifohi'o naho tsy nifohin-droae'o, hampahafohina'e te tsy mahakama avao ty mahaveloñ' ondaty; fa ze tsara miboak' am-palie' IEHOVÀ ro mahaveloñe' ondaty*. [4] Tsy nikoneatse ama'o ty saro'o vaho tsy nivonto ty fandia'o i efa-polo taoñe rezay. [5] Mahafohina añ'arofo te manahake ty fandilovan-drae ty ana'e ty andilova' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo. [6] Aa le ambeno o lili' IEHOVÀ Andrianañahare'oo ampañaveloañe an-dala'e eo vaho am-pañeveñañe ama'e.

[7] Amy te manese azo mb'an-tane soa ao t'IEHOVÀ Andrianañahare'o, tane ikararahan-torahañe naho rano migoangoañe le rano mionjoñe boak' am-bavatane naho am-bohibohitse, [8] tanem-bare-bolè naho vare hordea, amam-bahe naho sakoañe vaho †raketa, tane aman-katae olive naho tantele, [9] tane hikama'o mahakama fa tsy hiereñe, hiaiña'o añoleñañe, tane amam-bato viñe vaho am-bohi'e ao ty hihalia'o torisìke.

[10] Ie fa nikama naho ànjañe le andriaño t'IEHOVÀ Andrianañahare'o ty amy tane fanjàka natolo'e azoy. [11] Mitomira tsy handikok' am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, tsy hañorike o lili'eo naho o fañè'eo vaho o fepè'e lilieko ama'o androanio. [12] Kera, ie fa nikama vaho ànjañe, naho fa nandranjy anjomba soa, naho imoneña'o, [13] naho mihamaro o añombe'oo naho o lia-rai'oo, naho mitombo ty volafoty naho volamena'o, naho miraorao ze he'e ama'o, [14] le hirengevoke ty arofo'o vaho handikofa'o t'IEHOVÀ Andrianañahare'o nañavotse azo an-tane Mitsraime an-trañom-pañondevozañe ao,
[15] i niaolo azo hiranga i fatram-bey henehene naharevendreveñey; i ratraratra maike lifotse merem-boreke naho kalengo añey, le nampidoandoaña'e rano boak' am-bato-paike ao, [16] naho nanjotsoa'e mane tsy nahazatse an-droae'o am-patrañe ao, hampireke vaho hamente azo, hañasoà'e am-pigadoñañe añe, [17] ke hitsakore añ'arofo'o ao rehe ty hoe, Ty haozarako naho ty hafatraran-tañako ty nanontonako o varako zao. [18] Tiahio t'IEHOVÀ Andrianañahare'o, amy t'ie ty mampaozatse azo hahavoria'o vara, hamentea'e i fañina nifantà'e aman-droae'oy le mbe ie henanekeo.

[19] Aa ke ho haliño'o t'IEHOVÀ Andrianañahare'o hañoriha'o ty ndrahare ila'e hitoroña'o naho hiambanea'o, fa atalililiko anahareo androany t'ie tsy mete tsy hivetrake [20] naho hihomake manahake o rofoko rotsahe' IEHOVÀ aolo' areo mb'eoo amy te tsy hinao' areo ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare' areo.

---

* **8:3** Mat 4:4, Lke 4:4 † **8:8** toe ampongabeindañitse

# 9

*Ty Valem-Piolañe aman' Añahare*
*Avo 32.1-35*
1 Mijanjiña ry Israele! Fa hitsake Iardeney rehe te anito himoaha'o, ho tavane'o
ty rofoko bey naho maozatse te ama'o, rova jabajaba, aman-kijoly miningoningo
mb' andikerañe ey; 2 ondaty fatratse naho mijoalajoala o anan-te-Anakeo, toe fohi'o,
vaho jinanji'o ty ama'e ty hoe, Ia ty mahafijohañe aolo' o nte-Anakeo? 3 Aa le
mahafohina anito te hiaolo azo hitsake mb'eo manahake ty afo mamorototo t'IEHOVÀ
Andrianañahare'o; ho rotsahe'e iereo vaho hampiambanè'e aolo'o eo, handroaha'o
naho ho zamane'o aniany, amy nitsarae' IEHOVÀ ama'oy.
4 Ie hasiotsio' IEHOVÀ Andrianañahare'o aolo'o eo, le ko manao añ' arofo'o ao ty
hoe, Ty havantañako ty nanesea' IEHOVÀ ahy himoneñako an-tane atoy, te mone
ty halò-tsere' o fifeheañeo ty nandroaha' IEHOVÀ iareo aolo'o mb'eo. 5 Tsy ty
havañona'o ndra ty havantañan' arofo'o ty hionjona'o hitavañe ty tane' iareo, te
mone ty haratia' o fifelehañe retiañe ty aniora' IEHOVÀ Andrianañahare'o iareo
aolo'o eo hañenefa' IEHOVÀ i nitsara'e am-panta aman-droae'oy, amy Avrahame,
Ietsàke vaho Iakobe. 6 Mahafohina te tsy ty hamarentane'o ty anolora' IEHOVÀ
Andrianañahare'o ama'o ty tane fiaintane toy hitavana'o, ihe foko gan-katoke.
7 Tiahio, le ko haliño ty nampiviñera'o IEHOVÀ Andrianañahare'o am-patrambey
añe; toe niola am' IEHOVÀ nahareo mifototse amy andro niavota'o an-tane Mitsraimey
am-para' te nipok'atoy. 8 Mbore nampiviñere' areo e Korebe añe t'IEHOVÀ, le akore
ty haviñera' IEHOVÀ ama' areo kanao ho zinama'e. 9 Zaho niañambone' i vohitsey
handrambe i ravem-bato rey, i ravem-batom-pañina nanoe' IEHOVÀ ho anahareoy,
ie nitambatse am-bohitse ey efa-polo andro naho efa-polo haleñe, tsy nihinan-kane
tsy ninon-drano. 10 Le natolo' IEHOVÀ ahy i ravem-bato roe sinokin-drambom-pitàn'
Añahare rey; ama'e eo ze hene tsara nitsarae' IEHOVÀ ama' areo boak' añ' afo ao
amy vohitsey añ' andro' i valobohòkey. 11 Ie nimodo i efapolo andro naho efa-
polo haleñe rey le natolo' IEHOVÀ ahiko i ravem-bato roe rey, i ravem-pañina rey.
12 Le hoe t'IEHOVÀ amako, Miongaha, naho mizotsoa mb'eo masìka amy te nameta
vatañe ondaty nente'o boake Mitsraimeo, nitsile aniany amy lalañe liniliko am'iareo
horiheñey, nampitranake saren-draha.
13 Mbore nitsara amako t'IEHOVÀ, ami'ty hoe, Fa nitreako ondaty retiañe, toe gan-
katoke ondatio. 14 Apoho habaibaiko iareo le ho fòrako ambanen-dikerañe ao ty
tahina' iareo vaho hanoeko foko maozatse rehe, ho jabajaba te am' iereo.
15 Aa le nitolike raho nizotso amy vohitsey ie nisolebotse iaby i vohitsey; an-tañako
roe i ravem-pañina roe rey. 16 Le nitreako t'ie vata'e nanao hakeo am' IEHOVÀ
Andrianañahare' areo amy nampitranaha' areo sare baniay; nalisa nandifik' amy
lalañe nandilia' IEHOVÀy. 17 Nivontitireko amy zao i rave'e roe rey le naretsako boak'
an-tañako roe vaho nivolentsañe añatrefam-pihaino' areo.
18 Nibabok' añatrefa' IEHOVÀ amy zao raho, manahake i teoy, efapolo andro naho
efa-polo haleñe, tsy nihinan-kane tsy ninon-drano ty amo hakeo nanoe' areo iabio
naho nanao haratiañe añatrefa' IEHOVÀ hampiviñetse aze. 19 Fa nihemban-draho
ami'ty filoroloron-kaviñera' IEHOVÀ ama' areo hera harotsa'e, fe nañaoñ' ahy henane
zay ka t'IEHOVÀ. 20 Akore ty haviñera' IEHOVÀ amy Aharone kanao ho nañohofa'e loza,
fe nihalaliako ka henane zay. 21 Rinambeko amy zao ty tahi' areo, i bania maleotse
natrana' areoy, le finorotototoko añ'afo ao naho dinemodemoko naho linisako ho bo'e,
eka ndra pilipito'e ampara' te ni-deboke vaho nahifiko amy torahañe mikararake
boak' am-bohitsey i lembo'ey.
22 Mbore nampiviñere' areo t'IEHOVÀ e Taberà naho e Masà, naho e Kibrote-hatavà
añe. 23 Le ie nirahe' IEHOVÀ mb'e Kadese-barnea mb'eo ami'ty hoe, Mionjona, tavano

i tane natoloko anahareoy, le niola amy nandilia' Iehovà Andriananãhare' areoy, tsy
niantoke vaho tsy nijanjiñe i fiarañanaña'ey. 24 Toe fa zineha' areo t'Iehovà amo
hene andro nahafohinako anahareoo.
25 Aa le handro am-pohatse ty nibabohako añatrefa' Iehovà, efa-polo andro naho
efa-polo haleñe ty nibabohako ty amy tsinara' Iehovày t'ie hanjamañe anahareo,
26 aa le nihalaly am' Iehovà raho nanao ty hoe, Ry Talè Iehovà, ko ampikoromahe'o
ondati'oo—o lova'oo, o nijebañe'o ami'ty hajabahina'o, ie nampiengà'o i Mitsraime
am-pitàñe maozatseo. 27 Tiahio i mpitoro'o rey, i Avrahame, Ietsàke, naho Iakobe,
le ko haoñe'o ty fanjehara' ondatio, ty halò-tsere' iareo naho o hakeo' iareoo, 28 tsy
mone hanao ty hoe i tane' nampiengà'o anaiy: Kanao tsy nahafanese iareo mb'an-
tane nampitamae'e añe t'Iehovà, mbore ami'ty fihejea'e, le nasese'e am-patrambey
ao hikoromake; 29 f'ie ondati'o naho lova'o, o nampiengà'o an-kaozara'o ra'elahy
vaho am-pità'o natora-kitsio.

# 10

*Ty Ravem-bato Roe faha Roe*
*Avo 34.1-9*

1 Hoe t'Iehovà amako henane zay: Amatsiho vato roe manahake i teo rey, le
miañambonea mb'amako mb'am-bohitse atoy, vaho andranjio vata hatae. 2 Ho
sokireko amy ravem-bato rey i tsara tan-drave'e roe rey, i dinemo'o rey, le agodoño
amy vatay ao. 3 Aa le nitsenèko vata ami'ty mendoraveñe naho namatsihako vato
roe hambañe amy teo rey, vaho niañambone' i vohitsey raho nañotrotro i vato roe
rey an-tañako. 4 Le sinoki'e amy vato rey hambañe amy tsara sinokitse taoloy, i
tsara folo nitseize' Iehovà ama' areo boak' añ'afo ao amy andro' i fivoriy rey; vaho
natolo' Iehovà ahiko. 5 Aa le nitolike raho nizotso amy vohitsey, vaho najoko amy
vata rinanjikoy i rave'e rey; ao iereo henaneo, amy nandilia' Iehovà amakoy.
6 (Nañavelo hirik'e Birote-bene-iaakane pak'e Moserà o ana'Israeleo, le eo ty
nihomaha' i Aharone, vaho ao ty nandentehañe aze; nandimbe aze ho mpisoroñe
t'i Elazare ana'e. 7 Boak' ao nañavelo mb'e Godgodà mb'eo iereo, le hirik'e Godgoda
mb'e Iotbatà, tane fikararahan-torahañe.)
8 Tamy andro zay le navahe' Iehovà ty fifokoa' i Levy ho mpitarazo i vatam-pañina'
Iehovày naho hijohañe añatrefa' Iehovà hitoroñe aze vaho hitata ami'ty tahina'e
ampara' henane. 9 Aa le tsy aman' anjara ndra lova amo rolongo'eo t'i Levy; Iehovà
ro lova'e amy nitsara' Iehovà Andriananãhare'o ama'ey.
10 Nitambatse am-bohitse ao efa-polo andro naho efa-polo halen-draho, manahake
tam-baloha'ey. Le mbe nijanjiñe ahy amy andro zay ka t'Iehovà, le tsy nisatrie'
Iehovà ty hanjamañe azo. 11 Hoe t'Iehovà amako: Miongaha, akia, mionjona aolo'
ondatio mb'eo, himoaha' iareo ao, hitavañe i tane natoloko an-droae' iareo am-
pantay.

*Ty Figadoña' o Lilio*

12 Ie amy zao ry Israele, inom-bao ty ipaia' Iehovà Andriananãhare'o? Naho
tsy ty hañeveñe am' Iehovà Andriananãhare'o, ty hañavelo amo lala'e iabio, ty
hikoko aze naho ty hitoroñe Iehovà Andriananãhare'o an-kaampon' arofo naho
an-kaliforam-pañòva, 13 ty hiambena'o o lili' Iehovào naho o fañè'e lilieko anito
hahasoa azoo. 14 Ingo a' Iehovà Andriananãhare'o i likerañey naho o andindin-
dikerañeo, naho ty tane toy reketse ze he'e ama'e, 15 fe nahafale Iehovà o roae'oo,
nikokoa'e naho jinobo'e o tarira' iareo nifandimbeo: inahareo 'nio, ambone' ze kila
ondaty*; le ie henaneo. 16 Savaro arè ty ofon' arofo' areo†, le ko manjehatse ka.

* **10:15** Its 7:6, 14:2, 26:8, Sab 135:4 † **10:16** Its 30:6-8, Rom 2:26-29, 1Ko 7:19

[17] Amy te Andrianañaharen-drahare naho Talèn-talè t'IEHOVÀ Andrianañahare' areo;
Andrianañahare jabahinake naho maozatse naho mampañeveñe; tsy mpirihy, tsy
mandrambe vokàñe; [18] omea'e to ty bode-rae naho ty vantotse, kokoa'e ty renetane,
anjotsoa'e mahakama vaho tolora'e sikiñe. [19] Aa le kokò o ambahinio, amy t'ie
nirenetane an-tane Mitsraime ao ka.
[20] Mañeveña am'IEHOVÀ Andrianañahare'o, ie avao ty italahoa'o naho ie ty
vontitire'o vaho amy tahina'ey ty anoa'o fanta. [21] Ie ty fandrengea'o, ie t'i Andria-
nañahare'o nahafonitse o raha fiaintane naho halatsàñe nanoe'e am-pahaisaham-
pihaino'oo. [22] Ondaty fitom-polo o roae'o nizotso mb'e Mitsraime mb'eoo, le hehe
t'ie nampamorohote' IEHOVÀ Andrianañahare'o hoe o vasian-dikerañeo.

# 11

*Tambem-Pivohorañe*

[1] Aa le kokò t'IEHOVÀ Andrianañahare'o naho tomiro nainai'e o nampiambena'eo*,
o fañè'eo, o fepè'eo, vaho o lili'eo. [2] Le mahafohina anito te tsy o ana' areoo ty
ivolañako, ie mbe tsy maharendreke naho tsy nahatrea ty fanampiha' IEHOVÀ Andria-
nañahare' areo, naho ty hajabahina'e naho ty fità'e maozatse vaho i sira'e natora-
kitsiy, [3] o vilo'eo naho ze hene fitoloñañe nanoe'e e Mitsraime ao amy Parò mpanjaka'
i Mitsraime naho amo tane'eo; [4] ty nanoe'e o lahindefo' i Mitsraimeo naho o soavala
reketse sarete'eo, te najorobo'e an-drano' i Ria-Binday o lahara' iareoo, ie nañoridañe
anahareo, toly ndra nandrotsaha' IEHOVÀ pake henane; [5] naho o nanoe'e ama' areo
ampatrambey ao ampara' ty nivotraha' areo atoio; [6] le ty nanoe'e i Datane naho i
Abirame, ana'i Eliabe ana'i Reòbene, ie nanokake ty vava'e i taney, nampibotseke
iareo rekets' o keleia'eo naho o kiboho'eo vaho ze fonga raha veloñe nañorike iareo,
añivo' Israele iaby ao; [7] o fihaino' areoo ro nahaisake ze hene fitoloñañe fanjàka
nanoe' IEHOVÀO.
[8] Ambeno arè ze hene lily lilieko androany, soa t'ie ho aman' ozatse hahafionjoñe
hitsake mb' an-tane ho tavane' areo mb'eo, [9] vaho t'ie ho lava havelo amy tane
nifantà' IEHOVÀ aman-droae' areo hatolo'e iareo naho o tarira'eoy, tane orikorihen-
dronono naho tantele.
[10] Tsy hambañe an-tane Mitsraime niavota' areo i tane hiziliha' areo ho tavaneñey,
i nitongisa' areo tabiry naho nanondraha' areo rano am-pandia hoe fanondrahan-
golobon' añañey, [11] te mone tane aman-kivohibohitse naho vavatane tondrahen-
orañe boak' andikerañe i tane hitsaha' areo ho tavaneñey, [12] tane ambena' IEHOVÀ
Andrianañahare'o. Toe ama'e nainai'e boa-taom-pak' am-paran-taoñe o fihaino'
IEHOVÀ Andrianañahare'oo.
[13] Aa naho hambena' areo ze hene lily lilieko anahareo androany—ty hikoko IEHOVÀ
Andrianañahare' areo, hitoroñe aze an-kàampon' arofo naho an-kaliforam-pañova
— [14] le hoe ty tsara'e: Hampahaviako orañe an-tsa'e ty tane' areo, i orañ' aoloy naho i
oram-para-ranoy, hahatontoña'o ty mahakama'o naho ty divai'o naho ty mena'o; [15] le
hampitiriako ahetse o fiandraza'oo ho a o hare'oo, le hikama rehe vaho ho anjañe.
[16] Aa le mitomira tsy ho fañahieñe añ'arofo, hitsile, hitoron-drahare tovo'e naho
hiambaneañe, [17] toly ndra hisolebotse ama' areo ty haviñera' IEHOVÀ vaho hagabe'e
o likerañeo tsy hizotsoa' i orañey, tsy hahavokara' i taney mahakama; le hikoromak'
aniany nahareo amy tane soa natolo' IEHOVÀ anahareoy.
[18] Aa le ahajao añ'arofo' areo ao naho am-pañova' areo ao o taroko zao† le rohizo
am-pità' areo ho viloñe, le reketo hoe alama añivom-pihaino' areo. [19] Anaro amo
amori' areoo, le isaontsio naho miambesatse añ'anjomba'o ao naho midraidraitse an-
dalañe ey naho màndre vaho mitroatse. [20] Isokiro an-tokonan-dalañ' anjomba'o eo

* **11:1** Fot 26:5 † **11:18** Its 5:22

naho amo lalambei'oo, [21] soa te hitombo ty andro' areo naho ty andro' o ana' areoo
amy tane nifantà' IEHOVÀ aman-droae' areo hatolo'e iareoy, ho mira amo andron-
dikerañe ambone' ty tane toy eñeo.
[22] Ie ambena' areo an-kahimbañañe naho orihe' areo ze hene lily lilieko anahareo,
ty hikokoa' areo IEHOVÀ Andrianañahare' areo naho hañavelo amo lala'e iabio vaho
hitambozòtse ama'e, [23] le hanoe' IEHOVÀ soik' aolo' areo mb'eo o fifeheañe iabio vaho
ho tavane' areo o foko jabajaba naho maozatse te ama' areoo. [24] Le ho anahareo ze
hene tane liàm-pandia' areo; mifototse am-patrambey añe naho e Libanone‡ naho
boak' amy oñey; le i oñe Peràtey pak'an-dRiak' ahandrefañe añe ty ho efe-tane'
areo. [25] Tsy eo t'indaty hahafiatreatre ama' areo amy te hampihembañeñe naho
hampirevendreveñe' IEHOVÀ Andrianañahare' areo ama' areo ze hene tane ho liàm-
pandia' areo, amy nitsara'e ama' areoy.
[26] Ingo apoko añatrefa' areo androany ty tata naho ty fatse: [27] i tatay, naho haoñe'
areo o lili' IEHOVÀ Andrianañahare' areo lilieko androanio; [28] i fatsey, naho tsy haoñe'
areo o lili' IEHOVÀ Andrianañahare' areoo, te mone mitsile hienga o lalañe andiliako
androanio, hañoriha' areo o ndrahare ila'e tsy nifohi' areoo.
[29] Aa ie fa nasese' IEHOVÀ Andrianañahare'o mb'an-tane imoaha'o ho rambese'o
ao, le havotra'o amy Vohin-Geriziy ty tata naho amy vohi-Ebàley ty fatse. [30] Aa tsy
alafe' Iardeney añe hao irezay, amy fitsofora' i àndroy añey, an-tane' o nte-Kanàne
mimoneñe an-diolio§ tandrife i Gilgale añe añ' ila' o varo' i Morèoo?
[31] Fa hitsake Iardeney mb'eo nahareo hitavañe i tane atolo' IEHOVÀ Andriana-
ñahare' areoy, aa ie tavane' areo le himoneña' areo, [32] le hene ambeno naho oriho
o fañè naho fepètse amantohako anahareo androanio.

# 12

*Harotsake o Hazomanga Tsy ieo*

[1] Inao o fañè naho fepètse tsy mahay tsy hambena'areo soa an-tane atolo' IEHOVÀ
Andrianañaharen-droae'o azo ho lova'o amy ze hene andro hiveloma' areo an-tane
atoy.
[2] Fonga ho rotsahe' areo ze toe-pitoroña' o rofoko ho tavane' areoo, ze ndrahare'
iareo andengo' o vohitse aboo, naho ankaboa' o vohibohitseo vaho añ'alo' ze hene
hatae leñe. [3] Ho fongore' areo o kitreli'eo le ho pozahe' areo o hazomanga'eo, le ho
forototoe' areo an' afo o Aserimeo, le ho hatsafe' areo o saresaren-drahare'eo vaho
ho faohe' areo amy toetsey ty añara' iareo.
[4] F'ie tsy hanoe' areo am' IEHOVÀ Andrianañahare' areo, [5] fa amy ze toetse
ho joboñe' IEHOVÀ Andrianañahare' areo amo fifokoa' areo iabio, hampipoha'e ty
tahina'e ho akiba'e, le zay ty hipaia' areo aze, vaho eo ty hiheova'o. [6] Eo ty hindesa'
areo o hisoroña' areoo, naho o banabanà' areoo, naho o engam-paha-folo' areoo,
naho o engaem-pità' areoo, naho o nifantà' areoo naho o enga satrin' arofo' areoo
vaho ty valohan' ana' o añombe' areoo naho o lia-rai' areoo. [7] Eo ka ty hikamà' areo
naho o keleia' areoo, añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare' areo, le hirebek' amo hene
tolom-pità' areo nitahia' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoo.
[8] Tsy hanoe' areo ka o satan-tika henaneo, t'ie songa manao ze to am-pihaino'e
avao, [9] amy te mboe tsy niheova' areo i fitofàñe naho lova atolo' IEHOVÀ Andria-
nañahare' areo azoy. [10] Ie itsaha' areo Iardene himoneñe amy tane atolo' IEHOVÀ
Andrianañahare' areo anahareo ho lovay, le ie ampitofà'e amo rafelahy miariseho
iabio vaho imoneña'areo am-panintsiñañe; [11] le eo ty toetse ho joboñe' IEHOVÀ
Andrianañahare' areo hampimoneña'e ty tahina'e, eo ty hanesea' areo ze handiliako
anahareo; le o hisoroñañeo, naho o banabana' areoo naho o faha-folom-bara' areoo

‡ **11:24** Libanone: rame foty § **11:30** Heb: Arabà

naho o engaem-pità' areoo, naho ze hene engam-panta nifantà' areo am' IEHOVÀ. 12 Le
hirebeke añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare' areo nahareo, ie naho o anadahi' areoo
naho o anak' ampela' areoo naho ondevo lahy naho ampela' areoo naho i nte-Levy
am-po-kijoli' areoy, ie tsy aman' anjara ndra lova ama' areo.
13 Mitomira tsy hañenga soroñe amy ze toetse isa'o añe, 14 te mone amy toetse ho
joboñe' IEHOVÀ amo fifokoa'ooy, ao ty hañenga'o o fisoroña'oo, le eo ty hanoa'o ze
hene lilieko.
15 Ie amy zay mahazo mandenta naho mikama ze biby amy ze hene lalam-bei'o ao
rehe, ze paia' ty tro'o amo fitahiañe natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoo, ie sambe
ho kamae' ty malio naho ty tsy malio, manahake t'ie tsebý ndra aiale*. 16 Fe tsy ho
kamae'o ty lio'e; fa hadoa'o an-tane hoe rano.
17 Tsy ho kamae'o an-dalam-bei'o eo ka ze fahafolo' ty ampemba'o ndra ty divai'o
ndra ty mena'o ndra ty valohan' ana' ty mpirai-tro'o ndra ty mpirai-lia'o, ndra
ze engam-panta nifantà'o, ndra ze enga satrin' arofo'o, ndra ze engaem-pità'o.
18 F'ie ho kamae'o añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o amy toetse ho joboñe' IEHOVÀ
Andrianañahare'oy, ihe naho ty ana-dahy naho anak' ampela'o naho ty ondevo-
lahy naho ampela'o naho i nte-Levy an-tanà'oy; vaho hirebek' añatrefa' IEHOVÀ
Andrianañahare'o rehe amy ze hene tolom-pità'o. 19 Mitomira tsy haforintse'o i nte-
Leviy, te ihe mbe veloñe an-tane atoy.
20 Aa ie ampigadagadañe' IEHOVÀ Andrianañahare'o ty tane'o amy nitsarà'e
ama'oy, le hanao ty hoe rehe: Hihinan-kena raho, aa kanao hasijim-bata'o, le mete
mikama hena rehe, ze hadrao'o iaby. 21 Aa ie lavitse azo i toetse jinobo' IEHOVÀ
Andrianañahare'o hampipoha'e i tahina'eiy, le handenta amo mpirai-tro'oo rehe
naho amo mpirai-lia'o natolo' IEHOVÀ azoo amy nandiliako azoy, le hikama an-tanà'o
ao ze satrie' ty tro'o, 22 manahake ty fikamañe o tsebý naho o aiàleo ty hikama'o aze;
le songa mete ikama' ty malio naho ty tsy malio.
23 Fe mifoneña tsy hikama ty lio'e: fa amy lio'ey ty havelo'e, le tsy hatrao'o fikama
ami'ty hena i haveloñey. 24 Tsy ho kamae'o zay fa hadoa'o an-tane eo hoe rano. 25 Tsy
hikama'o, soa te ho tahie'e rehe naho o ana'o manonjohy azoo ie manao ty fahiti'e
am-pivazohoa' IEHOVÀ.
26 Fe o raha ama'o mete ho navì'oo naho ze nifantà'o ro hendese'o mb'amy toetse
ho joboñe' IEHOVÀy mb'eo. 27 Le hengae'o i hisoroña'oy, ty hena'e naho ty lio'e, amy
kitreli' IEHOVÀ Andrianañahare'oy, le hadoa'o amy kitreli' IEHOVÀ Andrianañahare'oy
ty lion' enga'o vaho ho kamae'o ty hena'e.
28 Ambeno naho janjiño o tsara iaby lilieko azoo, soa t'ie hiraorao naho o ana'o
handimbe azo kitro añ'afe'eo; ano ty soa naho ty hiti'e am-pivazohoa' IEHOVÀ
Andrianañahare'o.
29 Aa ie aitoa' IEHOVÀ Andrianañahare'o aolo'o o fifeheañe handenà'o ho tavane'oo
naho limbeza'o vaho fa mimoneñ' an-tane' iareo ao, 30 le mitaoa tsy ho tra-pandrike
ami'ty fitsikombea'o iareo, ie mongoreñe aolo'o eo, le ko añontanea'o o ndrahare'
iareoo ami'ty hoe, Aa vaho akore ty fitoroña' ondaty retìa o ndrahare' iareoo?
hanoeko ka†. 31 Ko manao zay am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, amy te ze atao hativàñe
am' IEHOVÀ, o raha vata'e heje'eo le fonga nanoe' iereo amo ndrahare' iareoo mbore
sinodo' iareo añ'afo ao amo ndrahare'eo o ana-dahi'eo naho o anak'ampela'eo.

## 13

1 Aa le ambeno naho oriho ze hene andiliako anahareo: ko anovoña'o vaho ko
añafaha'o*.

* **12:15** Biby ly songa aman-tsifa † **12:30** Its 18:9, Sor 18:3, Iir 10:2, Iek 20:32, Efe 4:17, Pe I 4:3 * **13:1** Its 4:2, Rzs 30:6, Ben 22:18-19

*Fampitsileañe mb'amy Fahasivey*

2 Aa naho miongak' ama'o ao ty mpitoky ndra ty mpañinofy nofy mitalily viloñe
ndra raha tsitantane, 3 naho heneke i viloñey ndra i raha tsitantane natalili'ey
vaho manao ty hoe re: Antao hañorike 'ndrahare ila'e (ze tsy nifohi' areo) naho
hitoroñe iareo 4 Le ko iantofa'o i mpitokiy ndra i mpañinofiy, amy t'ie fitsoha' IEHOVÀ
Andrianañahare' areo, haharofoana'e he toe kokoa' areo an-kaampon' arofo naho
an-kaliforam-pañova t'IEHOVÀ Andrianañahare' areo. 5 IEHOVÀ Andrianañahare'
areo ty horihe' areo, ie avao ty hañeveña' areo le o lili'eo ty hambena' areo, naho
i fiarañanaña'ey ro haoñeñe, ie ty toroñe' areo vaho ie ty vontitire' areo. 6 Aa
le havetrake i mpitokiy ndra i mpañinofy nofiy, ie nivolam-piolàñe am' IEHOVÀ
Andrianañahare' areo nañavotse anahareo an-tane Mitsraime añe naho nijebañe
anahareo amy trañom-pañondevozañey, handronjea'e azo hisitak' amy lala' linili'
IEHOVÀ Andrianañahare'o hañaveloa'oy. Aa le mongoro o sata raty ama'oo.
7 Aa naho mitangogo hanigìke azo ty rahalahi'o, ke ty anan-drene'o, he ty ana-
dahi'o, ke ty anak' ampela'o, he i valy fetrehe'oy, ke i atehena'o longo-sarotsey,
manao ama'o ty hoe, Antao hitoron-drahare ila'e (ze mbe lia'e tsy niisa'o ndra o
roae'oo, 8 te mone ndrahare' ondaty mañohok' azoo, marine azo, ke lavitse azo,
añ'olo' ty tane toy pak'añ'ila'e añe,) 9 le ko miantok' aze ndra mañaoñe aze, ko
tretrezem-pihaino'o, ko arova'o vaho ko mañetak' aze, 10 f'ie tsy mete tsy vonoe'o
le ty fità'o ro hionjoñe hamofok' aze valoha'e ho rotsaheñe vaho ho tonjohiza' ty
fità' ondaty iabio. 11 Retsaho vato hivetraha'e amy t'ie nipay hanintak' azo am'
IEHOVÀ Andrianañahare'o nañavotse azo an-tane Mitsraime añe naho an-trañom-
pañondevozañe ao, 12 le ho janjiñe' o ana' Israele iabio vaho ho hembañe tsy hanao
i haloloañe zay ka añivo'o ao.
13 Aa naho janji'o ty ami'ty rova raike natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o hi-
moneña'o ty hoe, 14 Niakatse boak' ama' areo ao ze o ana' i Beliale zao nitaoñe
ty mpimone' i rova' iareoy, ami'ty hoe: Antao hitoroñe ndrahare ila'e, ze tsy nifohi'
areo. 15 Le hotsohotsò, naho tsikaraho, vaho aodio. Aa naho rekets' i sisiý te toe
nanoeñe ama'o ao i hativañe zay, 16 le toe ho zevoñe'o an-dela-pibara o mpimone' i
rovaio, hamongorañe aze an-dela-pibara, naho ze he'e ama'e ao naho o hare iabio.
17 Le hatonto'o an-kiririsam-pivory ao o nikopahe'o iabio; le orò añ'afo i rovay naho
o fonga kinopakeo, ie iaby, ho am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, ie ho votre kòake kitro
katroke; tsy haoreñe ka. 18 Asoao tsy hipiteham-pità'o o raha navìke ho rotsaheñeo,
soa te hitolik' amy fifombo'e miforoforoy t'IEHOVÀ, hitretreza'e, naho hiferenaiña'e
vaho hamorohota'e manahake i nitsarae'e aman-droae'oy, 19 naho toe tsendreñe'o
ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare'o, hambena'o o lili'e lilieko azo androanio,
hanoe'o ty hiti'e am-pihaino' IEHOVÀ Andrianañahare'o.

# 14

*Nifaliañe o Satan-Kilakila'ondatio*

1 Ie fa ana' IEHOVÀ Andrianañahare' areo, ko mandriadria-tsandriñe ndra mampi-
peake ty ambonem-pihaino' areo ty amo vilasio. 2 Amy t'ie ondaty-miavake am'
IEHOVÀ Andrianañahare'o, naho jinobo' IEHOVÀ h'ondaty an-koroji'e ao boak' amy
ze foko ambone' ty tane toy.

*Mahakama Malio naho Faly*
*Sab 11.1-47*

3 Ko kamae' areo ty raha tiva. 4 Inao o biby mete kamae' areoo: ty añombe, ty
añondry, naho ty ose, 5 ty aiàle, tsebý, iakemore, ose-lý, disone, osem-bohitse vaho
añondrim-bohitse. 6 Ze biby mivaki-hotro, ie misara-kotro roe amo biby mivazakotao,

ie ty ho kamae' areo. 7 Fe tsy ho kamae' areo ze mpihota haneñe avao, ke vaki-hotroo
avao manahake ty rameva, ty bitro naho ty trandrake, fa ndra t'ie mihota haneñe zay,
tsy vaki-hotro, aa le faly ama' areo izay. 8 le ty lambo, ndra t'ie vaki-hotro, tsy mihota
haneñe, le faly ama' areo. Tsy ho hane' areo ty hena'e le tsy ho tsapaeñe ty fate'e.

9 Le inao ty mete kamaeñe amy ze hene raha veloñe an-drano ao: ze rekets' ela'e
naho sisi'e, mete kamae' areo, 10 fe tsy ho kamae' areo ze tsy aman'ela'e ndra sisi'e,
maleotse ama' areo zay.

11 Mete kamae' areo ze hene voroñe malio. 12 Fa tsy ho kamae' areo ka iretoy: ty
tratràke, ty beivorotse naho ty salale; 13 ty hitikitike, ty vantio naho ty fañaoke ty
amo karaza'eo, 14 le ze hene koàke ty amo karaza'eo; 15 ty voron-tsatrañe, ty voron-
dolo-bori-sofy, ty vorom-potsy naho ze karazan-tsimalaho; 16 ty voron-dolo kede, ty
voron-dolom-pikodrìtse naho ty voron-dolo foty 17 naho ty voron-dolon-tane maike,
ty hondria naho ty voron-dolom-pipao-piañe; 18 ty sama naho ze karaza-dangoro, ty
kotrohake vaho ty kananavy. 19 Fonga faly ama' areo ka ze bibi-kede miropake naho
mitiliñe, tsy ho kamaeñe zay. 20 Fe mete kamaeñe ty voroñe malio.

21 Tsy ho kamae' areo ze nimate boboke; mete atolotse ami'ty renetane mimoneñe
an-drova'o ao ho kamae'e, ke haleta'o ami'ty ambahiny. F'ie ondaty-miavake am'
Iehovà Andrianañahare'o. Vaho tsy hahandroe'o an-drononon-drene'e ty vik'ose.

*Ty Faha-folo*

22 Toe handivà'o ty fahafolo' ze hene voka' o tongise'oo, ze vokare' o tete'o boa-
taoñeo; 23 le ho kamae'o añatrefa' Iehovà Andrianañahare'o, amy toetse ho joboñe'e
hampipoha'e i tahina'eiy ty fahafolo' o mahakama'oo, ty divai'o, ty mena'o vaho ty
valohan' ana' o añombe'oo naho o mpirai-lia'oo, hioha'o ty hañeveñe am' Iehovà
Andrianañahare'o nainai'e.

24 Aa naho loho lava i liay, tsy hahasese i rahay, naho lavitse azo ty toetse ho
joboñe' Iehovà Andrianañahare'o hampipoha'e i tahina'ey, ie fa nitahia' Iehovà
Andrianañahare'o 25 le itsaloho drala, le vontitiro am-pitàñe ao i dralay, vaho akia
mb'amy toetse ho joboñe' Iehovà Andrianañahare'oy mb'eo; 26 kalò ze tea'o amy
dralay: he añombe ke añondry, ke divai-vao ke divai-ela, ze satri' ty tro'o. Le eo ty
hikama'o añatrefa' Iehovà Andrianañahare'o, vaho mirebeha, ihe naho o keleia'oo.
27 Ko aforintse'o i nte-Levy mpimoneñe an-drova'oy, ie tsy aman' anjara ndra lova
ama'o.

28 Ie modo ty taom-paha-telo, le hene hakare'o amy taoñey ty fahafolo' ty hapeam-
boka'o vaho ahajao an-drova'o ao 29 le homb'eo i nte-Leviy, ie tsy aman' anjara ndra
lova ama'o, naho i renetane mpimoneñe ama'oy naho i bode-raey vaho i vantotsey,
o añaten-dalambei'oo, le hikama am-para' t'ie anjañe, soa te hitahy azo t'Iehovà
Andrianañahare'o amy ze hene fitoloñam-pità'o.

# 15

*Taom-Pitofàñe*
*Avo 21.2-11; Sab 25.1-7*

1 Ie amy ze fipeaha' ty taom-paha-fito, le mañahà rehe. 2 Intoy ty satam-
pañahàñe: havotso' ze kila mpampisongo am'ondatio ty nampisongoe'e; tsy ho
paiae'e am'indatiy ndra aman-drahalahi'e, amy te kinoike ty fañahà' Iehovà. 3 Aa
naho ty renetane, le azo'o ampañavahañe, fe havotsom-pità'o ze azo aman-dongo'o;
4 ie amy zao, tsy ho ama' areo ao ty rarake; amy te vata'e hampibodobodoe' Iehovà
an-tane atolo' Iehovà Andrianañahare'o azo ho tavaneñe ho lova; 5 naho toe haoñe'o
horiheñe ty fiarañanaña' Iehovà Andrianañahare'o hambena'o hanoeñe ze hene lily
lilieko azo androany. 6 Amy te hitahy azo t'Iehovà Andrianañahare'o, amy nitsarae'e

ama'oy, naho hampisongo foko maro rehe fa ihe tsy hisongo, vaho hifehe foko maro
rehe f'ie tsy hamelek' azo.
7 Aa naho ama'o ao ty longo'o rarake ndra an-tanàñe aia'aia an-tane atolo' Iehovà
Andrianañahare'o azo, le ko azì'o ty arofo'o ndra mamore-pitañe amy longo'o
rarakey. 8 Fe adañadañao ama'e ty fità'o le ampisongò aze ze hahaatsake i paia'e tsy
ama'ey. 9 Asoao tsy ho añ'arofo'o ao ty fikiniàn-draty manao ty hoe, Fa an-titotse ty
taom-pahafito, i taom-pañahàñey; le tsy hihevea'o maso i longo'o rarakey, hitolora'o,
vaho ie mitoreo azo am' Iehovà le hakeo ama'o. 10 Toe ho tolora'o, naho tsy hiore
ty arofo'o amy natolo'o ama'ey amy t'ie ro hampiraoraòa' Iehovà Andrianañahare'o
azo amy ze hene tolon-draha'o, ze fitoloñam-pità'o iaby. 11 Aa kanao le lia'e tsy
himiañe an-tane ao o rarakeo, le hoe ty andiliako azo, Ampidañadañao amy longo'o
rarakey naho amy mpitavañ'ay an-tane'oy ty fità'o.
12 Aa naho aletak' ama'o ty longo'o lahilahy nte-Evre ndra ty ampela nte-Evre vaho
mitoroñe azo enen-taon-dre, le avotsoro amy taom-pahafito. 13 Le ie haha'o ama'o,
ko ado'o hienga azo an-tañam-polo. 14 Ho fahana'o am-patarihañe boak' amy lia-
rai'oy naho boak' an-driha'o ao, vaho boak' am-pipiritan-divai'o ao; amo nitahia'
Iehovà Andrianañahare'o azoo ty handiva'o ama'e. 15 Tiahio t'ie niondevo an-tane
Mitsraime añe, vaho nijebañ' azo t'Iehovà Andrianañahare'o; izay ty andiliako ama'o
androany.
16 F'ie manao ty hoe ama'o, Tsy hienga azo raho; amy te ikokoa'e naho i
hasavereña'oy vaho mierañerañe ao. 17 Le andrambeso fitsindrike le trofaho an-
dalambei'o eo ty ravembia'e vaho ho fetrek'oro'o nainai'e re, le ano zay ka ty
ondevo'o ampela; 18 vaho tsy hañembets' azo ty hañaha aze ama'o hidada mb'eo
amy t'ie nanahake ty mpieke roe ama'o amy nitoroña'e azo enen-taoñey: le hitahy
azo amy ze hene fitoloña'o t'Iehovà Andrianañahare'o.

*Valohan'anan-Kare*

19 Havahe'o ho am' Iehovà Andrianañahare'o ze hene valohan' anake lahi'e
natera' o añombe'oo naho o lia-rai'oo, naho tsy hampitoloñe'o ty valohan' anak'
añombe'o, vaho tsy ho kitsihe'o ty valohan' anak' añondri'o. 20 Ho kamae'o añatrefa'
Iehovà Andrianañahare'o boa-taoñe zay amy toetse ho joboñe' Iehovày, ihe naho o
añ'anjomba'oo.
21 Aa ihe aman-kandra, ke mbiko ke goa he aman-kila, le tsy hisoroñe am' Iehovà
Andrianañahare'o. 22 Hikama'o an-drova'o ao: songa hitrao-pikama ama'e ty tsy
malio naho ty malio, manahake t'ie tsebý ndra aiàle. 23 Fe tsy ho kamae'o ka ty lio'e
fa hadoa'o hoe rano an-tane eo.

# 16

1 Ambeno ty volan-kofahofa, vaho ano am' Iehovà Andrianañahare'o i fihelañ'
amboney; fa amy volan-kofay ty nañavota' Iehovà Andrianañahare'o azo an-kaleñe.
2 Aa le hisoroña'o am' Iehovà Andrianañahare'o i fihelañ' amboney, boak' amo
añombeo ndra amo mpirai-liao, amy toetse ho joboñe' Iehovà hampipoha'e i
tahina'eiy. 3 Tsy hatrao'o fikama ama'e ty mofo aman-dalivay; fito andro ty hikama'o
mofo po-dalivay, toe mofom-pisotriañe, amy t'ie nalisa nienga an-tane Mitsraime añe;
soa te ho tiahi'o amo hene andron-kavelo'oo i andro niengà'o i tane Mitsraimeiy. 4 Le
tsy ho oniñe ndra aia aia am-pifehea'o ao amy fito àndroy ty mofo aman-dalivay vaho
tsy hanisàñe am-para-piporea' ty maraindray i hena nisoroñañe amy hariva' i andro
valoha'eiy.
5 Tsy hisoroñañe amy ze rova hatolo' Iehovà Andrianañahare'o azo i fihelañ' am-
boney; 6 fa amy toetse ho joboñe' Iehovà Andrianañahare'o hampipoha'e i tahina'eiy;
hisoroñe i fihelañey rehe te hariva àndro miroñe, amy sa niavota'o i Mitsraimey.

7 Hatono'o naho ho kamae'o amy toetse ho joboñe' IEHOVÀ Andrianañahare'o eo, ie
vaho maraindray, le himpoly an-kivoho'o ao. 8 Eneñ' andro ty hikama'o mofo po-
dalivay le hanoe'o fivory-miavake am' IEHOVÀ Andrianañahare'o i andro fahafitoy;
ko mitoloñe ama'e.

9 Hereñandro fito ty hiahe'o ho azo; mifototse amy andro valoham-pañohara'o
meso-panatahañe amy varey ty hañiaha'o fito hereñandro. 10 Le ambeno ho am'
IEHOVÀ Andrianañahare'o ty sabadidan-kereñandro le ho banabanaem-pità'o an-
tsatrin'arofo ama'e ty mañeva i nitahia' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoy. 11 Le
hirebek' añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o, ihe naho ty ana-dahi'o naho ty anak'
ampela'o naho ty ondevo-lahi'o naho ty ondevo-ampela'o, naho i nte-Levy an-
tanà'oy naho i renetaney naho i bode-raey vaho i vantotse ama' areoy, amy toetse
jinobo' IEHOVÀ Andrianañahare'o hampipoha'e i tahina'eiy. 12 Tiahio t'ie niondevo e
Mitsraime añe, vaho mitomira hambenañe i fañè rezay.

13 Ie fa natonto'o an-driha ao ty mahakama'o naho ty divai'o le anò fito andro
i sabadida-kivohoy. 14 Le mirebeha amy takataka'oy, ihe naho ty ana-dahi'o naho
ty anak' ampela' o naho ty ondevo-lahi'o naho ty ondevo-ampela'o naho i nte-
Leviy naho i renetaney naho i bode-raey vaho i vantotse an-tanà'oy. 15 Fito andro
ty hanoe'o i sabadidake miavakey am' IEHOVÀ Andrianañahare'o amy toetse ho
joboñe' IEHOVÀy ty amy fitahia' IEHOVÀ Andrianañahare'o ty firaoraoa'o naho ze hene
fitoloñam-pità'o, vaho handia taroba rehe. 16 In-telo ami'ty taoñe ty hihovà' ze hene
lahilahy mb' añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o mb'amy toetse ho joboñe'ey mb'eo;
i sabadidak' i mofo tsy aman-dalivaiy, le i takatakan-kereñandroy vaho i sabadida-
kivohoy, le tsy atrefeñe an-tañampolo t'IEHOVÀ. 17 Songa hañenga ze mete ama'e ze
lahilahy ty amo fitahiañe natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoo.

18 Hajado'o amy ze rova hatolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo amy ze hene
fifokoañe ty mpizaka naho ty mpifehe, vaho ho zakae' iereo an-jaka vantañe ondatio.

19 Ko manao zaka vilañe, le ko mirihy ondaty, naho ko mandrambe vokàñe, amy te
haripe' ty vokàñe ty fihaino' o mahihitseo vaho ampikelohe'e ty saontsi' o vañoñeo.
20 Ty hatò, ty hatò avao ty horihe'o, soa te ho veloñe, handovà'o i tane atolo' IEHOVÀ
Andrianañahare'o azoy.

21 Ko añoreña'o bodan-kataeñ' inoñ' inoñe marine i kitrely ho ranjie'o ho a
IEHOVÀ Andrianañahare'oy; 22 le ko ampitroara'o boda-iambaneañe, ie heje' IEHOVÀ
Andrianañahare'o.

# 17

1 Asoao tsy hisoroña'o am' IEHOVÀ Andrianañahare'o ty bania ndra añondry aman-
kandra ndra aman-kila amy t'ie tiva am' IEHOVÀ Andrianañahare'o.

2 Aa naho oniñe ama' areo ao, amo rova natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoo
ty lahilahy ndra ty ampela manao hakeo ampivazohoa' IEHOVÀ Andrianañahare'o, ie
mandilatse amy fañina'ey; 3 ie nimb' an-drahare ila'e hitoroñe naho hitalaho ke amy
àndroy, he amy volañey, hera amo fifamorohotan-dikerañeo, ze tsy nandiliako; 4 aa
ie nitaroñeñe ama'o le jinanji'o naho hinotsohotso'o soa naho nioniñe t'ie to, vaho
tsy kalafo te nanoeñe e Israele ao i hativàñe zay, 5 le hasese'o mb'an-dalan-drova'o
mb'eo i lahilahy ndra ampela nanao i haratiañeiy vaho ho retsahe'o vato i lahilahiy
ndra i ampelay hampibabòke iareo.

6 Am-paliem-pitalily telo ndra mpitalily roe ty hañohofan-doza i mañeva have-
trakey, f'ie tsy ho vonoeñe am-palie' ty mpitalily raike. 7 Ho ama'e hey ty fità' o
nitalily azeo hañohofa' iareo loza, zay vaho ty fità' ondaty iabio. Ie ty hañitoa'o
ama'o o haratiañeo.

*Ty Fizakam-Pisoroñe naho Mpizaka*

8 Aa naho ama'o ty raha tsy lefe'o zakaeñe añivo' ty lio naho lio, añivo' ty
halaly naho halaly, añivo' ty lafa naho lafa, ty amy ze fifandierañe an-drova'o ao
le miongaha vaho mionjona mb'amy toetse ho joboñe' Iehovà Andrianañahare'oy
mb'eo; 9 le miheova mb' amo mpisoroñeo naho mb'amo nte-Levio vaho mb'amy
mpizaka amy andro zay le mañontanea, vaho ho taroñe' iereo ama'o ty hizakàñe aze.
10 Aa le hanoe'o i hitoroa' iareo boak' amy toetse ho joboñe' Iehovày vaho hambena'o
te hanoeñe ze hene taroñe' iereo ama'o; 11 le i Hake hañòha' iareo azo, le ho henefe'o
i lily hisaontsia' iereo te hanoe'o, le tsy hivike ndra mañavana ndra mañavia rehe
amy zaka taroñe' iereo ama'oy. 12 Fa i lahilahy manao ze satri'e vaho tsy mañaoñe
i mpisoroñe mijohañe am-pitoroñañe añatrefa' Iehovà Andrianañahare'oy ndra i
mpizakay, le havetrake i lahiy; haitoañe am' Israele i haloloañey, 13 le hahajanjiñe
ondaty iabio vaho ho hembañe tsy hanao ze satri'e avao.

*Ty Efetsefen-dily o Mpanjakao*

14 Aa ie fa nivotrak' an-tane hatolo' Iehovà Andrianañahare'o azo naho tavane'o,
naho mimoneñe ao, vaho manao ty hoe: hañory mpanjaka hifehe ahy raho manahake
o rofoko iaby mañohok' ahikoo, 15 le toe i ho joboñe' Iehovà Andrianañahare'oy ty
hedrè'o ho mpanjaka ama'o; ty hirik' amo rolongo'oo ty hajado'o ho mpanjaka hifehe
azo, fa tsy hampifehè'o azo ty renetane tsy longo'o.
16 Asoao tsy hamorohotaha'e soavala ho am-bata'e, ndra hampibalihe'e mb'e
Mitsraime mb'eo ondatio hampitomboa'e soavala amy nitsarae' Iehovà ama' areoy
ty hoe: Tsy himpoly mb'eo ka nahareo. 17 Le ie tsy hañenga valy maro, tsy mone
hitsile ty arofo'e, vaho tsy hanontoña'e volafoty naho volamena mitoabotse.
18 Aa ie miambesatse amy fiambesam-panjakam-pifehea'ey, le ho tsikombe'e an-
tsokitse ty Hake toy, ami'ty boke añatrefa' o nte-Levy mpisoroñeo. 19 Hirekets' ama'e
zay vaho ho vakie'e amo hene andro hiveloma'eo, hioha'e ty hañeveñe am' Iehovà
Andrianañahare'e, fonga hambena'e o tsara ami' ty Hake toio naho o fañè retoañe;
20 tsy hirengevoha' ty arofo'e ambone' o longo'eo, naho tsy hivio mañavàna ndra
mañavia' ty lily toy, soa te ho lava-haveloñe am-pifehea'e ao, ie naho o tarira'eo
añivo' Israele ao.

# 18

*o Mpisoroñeo naho o nte-Levio*

1 Tsy hanañ'anjara ndra lova am' Israele ao o mpisoroñe nte-Levio ndra i hene
fifokoa' i Leviy. Fe ho kamae' iereo ze soroñañe am' Iehovà, naho ze mete ho
anjara'e. 2 Tsy hanan-dova amo rolongo'eo iereo fa Iehovà ro lova' iareo, amy
nitsara'ey. 3 Zao ty anjara'o mpisoroñeo boak' am' ondatio, hirik' amo mañenga
soroñeo ke bania ke añondry: hatolo' iereo amy mpisoroñey ty sokatañа'e, o
valañorà'eo naho ty tsimarano'e.* 4 Ty lengom-boa' o mahakama'oo naho ty divai'o
naho ty mena'o vaho ty valoham-bolo' o añondri'oo ty hatolo'o aze. 5 Amy t'ie
jinobo' Iehovà Andrianañahare'o amo fifokoa'o iabio hijohaña'e hitoroñe nainai'e
amy tahina' Iehovày, ie naho o tarira'eo.
6 Aa naho miavotse an-drova'o ndra aia'aia e Israele ao amy nañialoa'ey, t'i nte-
Levy, hionjomb' amy toetse ho joboñe' Iehovày mb'eo an-kaliforam-pisalalàn-tro'e;
7 le ie ro hitoroñe amy tahina' Iehovà Andrianañahare'ey hambañe amo longo'e nte-
Levy mpijohañe añatrefa' Iehovào. 8 Hanañ' anjara mahakama mira am' iereo re,
ho tovo' ze rinambe'e ami'ty nandetaha'e i lovan-droae'ey.

*Sata Faly*

* **18:3** Sor 7:30-34

9 Ie mivotrak' an-tane' atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo, ko tsikombe'o o sata
mampangorì' o fifeheañeoo†. 10 Tsy ho oniñe ama' areo ao ty mpampitoañ' ana-
dahy ndra anak' ampela añ'afo ao, ndra ty mpisikily, ndra ty mpitoky vìlañe, ndra ty
mpañori-binta ndra ty mpamoreke 11 ndra ty jinilahy, ndra ty mpampizèke, ndra ty
aman-kokolampa, ndra ty mpañontane lolo. 12 Amy te tiva am' IEHOVÀ ze manao zay;
le i sata tiva rey ty anoiha' IEHOVÀ Andrianañahare'o iareo aolo'o mb'eo. 13 Mivañona
am' IEHOVÀ Andrianañahare'o.
14 Toe haoñe' o rofoko ho tavane'o tane ty mpamoreke naho ty mpisikily, fa ihe, tsy
hapo' IEHOVÀ Andrianañahare'o hanao zay.

*Mpitoky vao manahake i Mosè*

15 Hampitroare' IEHOVÀ Andrianañahare'o ho azo ty mpitoky añivo'o ao, boak'
aman-drolongo'o, manahak' ahy; ie ty ho haoñe'o; 16 ty amo hene nihalalie'o am'
IEHOVÀ Andrianañahare'o e Korebe añe amy andro i fivoribeiio ami'ty hoe: Ee tsy
ho tsanoñeko ka ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahareko ndra hahatrea o afo
jabajaba roke, tsy hivetrahako. 17 Le inao ty natoi' IEHOVÀ ahy: Noko i entañe
nitaroñe' iereoy. 18 Aa le hatroako ho a' iareo ty mpitoky‡ hambañe ama'o boak' amo
longo' iareoo; hajoko am-palie'e ao o fivolakoo le ho tsarae'e am' iereo ze afantoko
ama'e. 19 Ie amy zao, hanañako kabò ze tsy mañaoñe o fivolako ho tsarae'e ami'ty
añarakoo.
20 Le ze mpitoky mieva misaontsy ami'ty añarako ie tsy nililiako hisaontsy; he
hivolañe ami'ty añaran' drahare ila'e, le havetrake i mpitoky zay. 21 Hera hatao'o ty
hoe an-troke ao: Aia ty haharendreha'ay ty entañe tsy nisaontsie' IEHOVÀ? 22 Naho
misaontsy amy tahina' IEHOVÀ ty mpitoky f'ie tsy pok'eo mbore tsy mifetsake, le tsy
nitsarae' IEHOVÀ i entañe zay. Nanao ty nisatri'e avao i mpitokiy, ko ihembaña'o.

# 19

*o Rova Fitsolohañeo*
*Vol 35.9-28; Ieh 20.1-9*

1 Naho fa finongo' IEHOVÀ Andrianañahare'o o rofoko nitompo' i tane hatolo'
IEHOVÀ Andrianañahare'o azoio, naho nilimbeze'o vaho mimoneñe amo rova naho
anjomba' iareoo, 2 le aviho ty rova telo añivo' i tane hatolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o
ho tavane'oy ao, 3 le anataho lalañe vaho amaritsoho toetse telo i tane' hatolo' IEHOVÀ
Andrianañahare'o ho lovay; hirombaha' ze hene namono.
4 Zao ty am'ondaty mamono naho miherereake mb'eo handrombaha'e aiñeo—ie
namono ty marine aze fe tsy nitsatrie'e, vaho tsy nalaim-bintañ' aze taolo; 5 manahake
t'ie mindre lia aman-drañe'e mb'añ'ala ao hampitsera-katae, le ie mañohatse ty
feko'e hamira hataey, hera hipitsik' amy taho'ey i lelam-pekoñey hipaoke i rañe'ey
hamono aze. Mete hiborifitse mb'ami'ty raik' amy rova rey indatiy hiveloma'e, 6 tsy
mone hañoridañe aze an-keloke ty mpamale fate hitsepak' aze naho loho lavitse i
liay, hañohofa'e loza ndra t'ie tsy mañeva havetrake, ie tsy nimpalaiñe aze.
7 Zay ty andiliako azo ty hoe: Añivaho rova telo ho azo. 8 Aa naho itare' IEHOVÀ
Andrianañahare'o ty fifaritsoha'o amy nitsarae'e aman-droae'oy naho fonga hatolo'e
azo i tane nitsarae'e aman-droae'oy, 9 naho ambena'o vaho orihe'o ze hene lily
lilieko azo androany—ty hikoko IEHOVÀ Andrianañahare'o naho hañavelo nainai'e
amo lala'eo—le ho tovoña'o rova telo ho tokaneñe mandikoatse i telo rey; 10 soa tsy
hiorik' an-tane hatolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo ho lova ty lio-màliñe, naho tsy
hipetahan-dio rehe.

† 18:9 Its 12:30 ‡ 18:18 Jao 7:40, Top 3:22-26, 7:37

11 Aa naho mone falai’ondaty i marine azey, le voñoñe’e, naho kabohe’e an-
keloke le mikenkan-dre vaho tambikovikoe’e an-day ty raik’ amy rova rezay 12 vaho
hampañitrik’ aze o roandria’ i rova’eio le hasese boak’ amy rovay re hatolots’ am-pità’
ty mpamale fate hikenkaña’e. 13 Ko iferenaiñam-pihaino’o, fa ho fòra’o am’Israele
ty lio-maliñe soa te ho tahie’e.
14 Ko asinta’o ty fañefen-tanen-dongo’o fa najado’ o ntaoloo an-dova’o eo, i ho
fanaña’o an-tane atolo’ IEHOVÀ Andriananañahare’o azo ho tavaneñey.

*Mpitalily*

15 Tsy hitroatse hanisý ondaty ty mpitalily raike ke tahiñ’ inoñe he hakeo inoñe
mete nililare’e. Ty faliem-pitalily telo ndra ty faliem-pitalily roe ty hampijadoñe zaka.
16 Naho mitroatse hitalily ondaty ami’ ty tsy to ty mpitalily vìlañe, 17 le songa
hijohañe añatrefa’ IEHOVÀ, añatrefa’ o mpisoroñeo naho o mpizaka henane zaio
indaty roe mifandietse rey. 18 Le hañotsohotso o mpizakao, aa naho tendreke te
mpitalily vìlañe i mpitaliliy, nitaroñe raha tsy to i rahalahi’ey, 19 le hanoe’o ama’e ty
ho nanoe’e amy rahalahi’ey; zay ty hamongorañe ty hakeo añivo’o ao; 20 le hijanjiñe
o ila’eo vaho ho hembañe tsy hanao i tahiñe zay añivo’o ao ka. 21 Le ko iferenaiñam-
pihaino; fiay ty hasolo fiay, fihaino ty fihaino, famotsy ty famotsy, fitàñe ty fitàñe,
fandia ty fandia.

## 20

1 Ie mionjo-mb’an-kotakotake mb’ amo rafelahi’oo mb’eo vaho mahaoniñe soavala
naho sarete naho ondaty maro te ama’o, ko ihembaña’o, fa hañolots’ azo t’IEHOVÀ
Andriananañahare’o nañavotse azo an-tane Mitsraime añe. 2 Aa ie harinè’o i
aliy le homb’eo ty mpisoroñe hisaontsy am’ondatio 3 hanao ty hoe: Mijanjiña
r’Israele, ie mitontoñe hihotakotak’ amo rafelahi’ areoo te anito, aa le asoao tsy
hilealea, ko hembañe, ko mangebahebake, vaho ko irevendreveñañe; 4 fa IEHOVÀ
Andriananañahare’ areo ro mindre ama’ areo hialy ho anahareo amo rafelahi’ areoo,
handrombake. 5 Le hisaontsy am’ondatio o mpiaoloo hanao ty hoe, Ia t’indaty
nandranjy anjomba fe mboe tsy nitamea’e? Ampiengao himpoly mb’añ’ akiba’e
añe tsy mone hivetrak’ an-kotakotak’ ao vaho ho tamè’ ondaty hafa. 6 Ia t’indaty
nambole an-tanem-balòboke fe mbe tsy nitoloña’e? Angao himpoly mb’ añ’akiba’e
mb’eo, hera hikoromak’ añ’aly vaho ondaty ila’e ty hañalahala aze. 7 Ia ka t’indaty
nifofo valy fa mbe tsy nengae’e? Ampiavoto himpoly mb’an-kiboho’e añe tsy mone
hikorovok’ añ’ aly vaho halae’ ondaty ila’e. 8 Hanovon-tsaontsy am’ ondatio o
mpiaoloo ty hoe: Ia t’indaty hembañe ndra mianifañe? Ampiavoto himpoly mb’
añ’ anjomba’e añe tsy mone hitranake manahake i azey ty tron-droahalahi’e. 9 Ie
modo ty saontsi’ o mpiaoloo am’ondatio le ho tendrèñe o mpifehem-pirimboñan-
dahindefoñeo.
10 Ie marine ty rova hialia’o, taroño fañanintsiñe heike, 11 le ie toiñe’e am-
pilongoañe, naho misokak’ ama’o, le ho fetrek-oro’o ze ondaty iaby tendrek’ao vaho
hitoroñe azo. 12 Aa ie tsy mifampilongo ama’o, te mone hialia’e, le arikoboño. 13 Ie
asese’ IEHOVÀ Andriananañahare’o am-pità’o, le ho fonga lafae’ o an-dela-pibara ze
lahilahy ama’e ao; 14 fe ho rambese’o ho tsindro’o o rakembao naho o keleia’eo naho
o añombe’eo naho ze he’e an-drova ao, o fikopahañe iabio; le ho kamae’o ze kinopa’o
amo rafelahi’o natolo’ IEHOVÀ Andriananañahare’o azoo.
15 Zay ty hanoa’o amy ze hene rova lavits’ azo tsy mpiamo rovan-drofoko mañohok’
azoo. 16 Fe o rovan-drofoko atolo’ IEHOVÀ Andriananañahare’o azo ho lovao, ko apo’o ho
veloñe ze raha mikofòke ama’e. 17 Fonga mongoro: o nte-Kiteo, naho o nte-Amoreo,
o nte-Kanàneo, naho o nte-Perizeo, o nte-Kiveo vaho o nte-Ieboseo, Amy nandilia’
IEHOVÀ Andriananañahare’o azoy, 18 tsy mone hañòha’e anahareo ty hañorike o sata

tiva' iareoo, o anoe' iereo amo ndrahare' iareoo, hanoa' areo hakeo am' Iehovà
Andrianañahare' areo.
19 Naho arikoboñe'o ela ty rova hialia'o hitavana'o, ko rotsahe'o am-pamatsiham-
pekoñe o hatae'eo, amy te azo'o kamaeñe o voa'eo, ko firae'o. Atao'o h'ondaty hao o
hatae an-kivokeo hanoe'o fañarikoboñañe? 20 F'ie naho hatae fohi'o te tsy fihanem-
boao le azo'o rotsaheñe vaho firaeñe handrafeta'o rafi-panameañe i rova ialia'oy,
ampara' te rotsake.

# 21

### *Vono-Ondaty*

1 Ie zoeñe mibabòke an-kivoke ey, an-tane atolo' Iehovà Andrianañahare'o azo,
ho rambese'o t'indaty, ie tsy fohiñe te ia ty nanjevoñ' aze, 2 le hiavotse mb'eo o
androanavi'oo naho o mpizaka'oo hanjehe pak'amo rova mañohoke i nañohofan-
dozaio. 3 Ie oniñe ty rova marine' i vinonoy le o androanavi' i rovaio ro handrambe
kiloa mbe tsy nampitoloñeñe, mbe tsy nitari-joka, 4 le hendese' o androanavi' i rovaio
hizotso mb' am-bavatane aman-torahañe tsy mai-drano mb' an-toetse tsy nirokafeñe
tsy nitongiseñe mb'eo i kiloay vaho ho folahe' iereo ty loha' i kiloay am-bavatane
eo; 5 le hitotoke mb'eo amy zao o mpisoroñe ana' i Levio, amy t'ie jinobo' Iehovà
Andrianañahare'o hitoroñe aze naho hitata ami' ty tahina' Iehovà, vaho mahavoa
zaka amy ze ali-vava naho lafa ty saontsi' iareo; 6 le hanasa fitàñe ambone' i kiloa
finola-doha am-bavataney i androanavi' i rova marine i vinonoy rey; 7 le ty hoe ty
ho lañona' iareo: Tsy nampiorike ty lio tiañe o fità'aio vaho tsy niisam-pihaino'ay.
8 Apoho ondati'o Israele nijebañe'oo ry Iehovà vaho ko apo'o añivo'ondati'o Israeleo
ty hakeon-dio-màliñe. Le ho hahàñe am' iereo i lioy. 9 Zay ty hamongora'o ama'o ty
lio-màliñe, ihe mitolon-kavantañañe am-pivazohoa' Iehovà.

### *Ampela Tsinepak' añ'Aly*

10 Ie mionjoñe hialy amo rafelahi'oo mb'eo, naho atolo' Iehovà Andrianañahare'o
am-pità'o ao iereo vaho asese'o mb'eo o tsinepakeo, 11 le zoe'o amo mirohio ty ampela
maintelè, naho harinea'o, vaho te handrambe aze ho vali'o; 12 le hasese'o mb' añ'
akiba'o mb'eo naho ho hitsife'e ty volo'e vaho ho tomore'e o hoho'eo, 13 le hafaha'e
ama'e i fisikim-pandrohizañey naho hitobok' añ'anjomba'o ao re handala an-drae'e
naho an-drene'e volañe raike do'e, modo zay le mete himoak' ama'e rehe hanambaly
aze vaho ie ty ho tañamjomba'o. 14 Ie amy zay he malaiñ' aze rehe, apoho handeha
mb'an-tsatrie'e mb'eo; f'ie tsy haleta'o drala, vaho tsy ampisoañeñe fa narè'o.

### *Zon-Tañoloñoloña'e*

15 Ie mampirafe roe t'indaty, le tea'e ty raike naho heje'e ty raike, vaho songa
mampipok' anake ho aze i kokoa'ey naho i heje'ey; aa naho amy heje'ey i
tañoloñoloña'ey, 16 le ie amy andro ampandova'e o ana'eo o fanaña'eoy le tsy mete
hatao'e valohan' ana'e ty ana-dahi' i vali-iso'ey hasolo i ana-dahim-baly heje'ey, ie toe
tañoloñoloña'e. 17 Tsy mahai-tsy iantofe'e ho tañoloñoloña'e ty ana-dahi' i heje'ey,
am-panolorañe ama'e ty anjara roe amy ze hene fanaña'e; amy te ie ty valohan-tolin-
kaozara'e, vaho aze ty zon-tañoloñoloñañe.

### *Anake Miola*

18 Naho eo ty manañ'ana-dahy miola, naho manjehatse tsy mañaoñe ty fi-
arañanañan-drae'e ndra ty fiarañanañan-drene'e, mbore tsy haoñe'e ty fandilova'
iareo aze, 19 le ho rambese' ty rae naho i rene'e, naho hasese mb'amo roandria' i
rovaio mb'andalambei' i tanà'ey mb'eo; 20 le hanao ty hoe amo roandria' i rovaio:
Manjehatse naho miola ty ana-dahi'ay toy, tsy mañaoñe anay fa màhake naho jike.

21 Le ho retsahe' o hene lahilahi' i rova'eio vato hañohofan-doza ama'e. Zay ty
hamongora'o ty hatserehañe ama'o; le ho janjiñe' Israele iaby vaho ho hembañe.

*Lily Tovo'e*

22 Naho eo t'indaty voa zaka ami'ty hakeo mahafate vaho vonoeñe, aa ie arado-
rado'o an-katae, 23 asoao tsy hapok' amy hataey ampara' te porea' ty maraindray
i fañova'ey; tsy mete tsy haleve'o amy àndroy avao fa onjitse aman' Añahare ze
ampiradoradoeñe an-katae, tsy handeora'o ty tane atolo' IEHOVÀ Andriananañahare'o
azo ho lova.

# 22

1 Naho zoe'o mandifike ty añombe ndra añondrin-dongo'o, ko amoea'o fa ampolio
amy longo'oy. 2 Aa naho tsy marine azo i longo'oy hera alik'ama'o, le endeso moly
hey i harey naho tano ama'o ampara' t'ie paia' i longo'oy, vaho ampolio ama'e. 3 Zay
ty hanoa'o i borìke'ey, naho zay ty hanoa'o i sarimbo'ey, vaho zay ty hanoa'o ze hene
fanañan-dongo'o nimotso fa niisa'o. Ko itsidaredareañe.

4 Naho isa'o mikorovok' an-dalañe eo ty borìken-dongo'o ndra ty añombe'e, ko
amoea'o, f'ie tsy mete tsy hañimb' aze hampitroatse zay.

5 Asoao tsy ho sikinen' ampela ty fisikinan-dahilahy, ndra añombean-dahilahy ty
saron' ampela, fa tiva am' IEHOVÀ Andriananañahare'o ty manao zay.

6 Naho zoe'o an-dalañe eo ty trañom-boroñe ke ambone hatae ey he an-tane eo,
rekets' ana'e ndra atoly vaho mamana o atoli'eo ndra o ana'eo ty rene'e le ko
mandrambe ty rene'e rekets' o ana'eo. 7 Mete angala'o ty ana'e, fa avotsoro i rene'e,
soa te ho tahie'e vaho ho lava haveloñe.

8 Naho mañoreñ' anjomba rehe le andranjio ana-kijoly hiarikatoke ty tafo'e tsy
mone hanan-tahin-dio ty anjomba'o te mideboñe boak' an-tafo'e ey t'indaty.

9 Ko mitongy tabiry maro karaza'e amy tetem-balobo'oy; tsy mone ho tiva ty
haliforan-tabiry nambolè'o naho ty havokara' i tetekey. 10 Ko aharo-baoñe an-dasarý
ty añombe naho ty borìke. 11 Ko misikin-damba natrao-pitenoñe volonañondry naho
lamba-leny.

12 Androroto fole telo an-kotsok' èfa' i lamba fisaro'oy.

*Lilatse ami'ty Fanambaliañe*

13 Naho mañenga valy t'indaty, le ie iolora'e ro heje'e, 14 naho manambaitambaiñe
aze vaho mandoto ty añara'e ami'ty hoe: Nañenga ty ampela tia raho le ie
niharineako, nioniñe te tsy somondrara. 15 Le hinday ty vente' ty nahasomondrara
aze mb' amo roandriañe an-dalambeio ty rae naho i rene' i somondraray, 16 le hanao
ty hoe amo roandriañeo ty rae'e i somondraray: Natoloko am' ondaty tia ty anako ho
vali'e, fa heje'e, 17 mbore anaintsaiña'e ami'ty hoe, Tsy nitreako t'ie somondrara. Fe
intoy o famentean-kasomondraran' anakoo; Le halafi' iareo añatrefa' o roandria' i
rovaio i lambay, 18 le ho rambese' o roandriañeo indatiy vaho handilo aze. 19 Ho sazè'
iereo volafoty zato sekele le hatolo' iereo an-drae' i somondraray ty ami'ty nanolora'
ondaty tia añaran-draty i somondrara ana' Israeley. Mbe ho valie'e avao vaho tsy
hanan-jo hañary aze indatiy ampara' te modo o andro'eo. 20 Aa naho mone to i sisý
zay te tsy rendreke ty maha-tsinahavani-lahy i ampelay, 21 le hasese an-dalam-bein-
drae'e eo i ampelay, vaho ho retsahe' ondati' i rova'eio vato am-para-pivetraha'e,
ami'ty hakeo nanoe'e e Israele ao, ie nanao hakarapiloañe añ'anjomban-drae'e ao.
Zay ty hamongora'o ama'o o hatserehañeo.

22 Naho vinamba niolotse ami'ty rakemba vali' ondaty t'indaty, le tsy mete tsy songa
havetrake i rakembay naho i lahilahy nifandia-tihy ama'ey, hamongora'o am' Israele
ao i halò-tsereke zay.

[23] Naho tendreke somondrara nifofoe' ondaty an-drova ao t'indaty vaho mifandia
tihy ama'e, [24] le tsy mahay tsy hasese'o mb'an-dalambei' i rovay mb'eo ie roe vaho
handretsaham-bato hikenkañe—i somondraray amy te tsy nikai-drombak' an-drova
ao, naho indatiy, amy te narè'e ty vali' ondaty. Tsy mete tsy mongore'o ty haloloañe
ama'o ao.
[25] F'ie an-kivok' añe te zoe' t'indaty ty somondrara nifofoe' ondaty vaho mama-
hotse aze, le indaty nifandia-tihy ama'ey avao ty havetrake. [26] Ko anoañ' inoñ' inoñe
amy somondraray fa tsy anañan-kakeo mañeva fate, fa manahake t'indaty mitroatse
mañoho-doza aman-dongo'e, zay o tsaraeñeo, [27] amy te nizoe' indatiy an-kalok' añe
i somondraray; nikaikaike i somondrara nifofoeñey, fe tsy teo ty handrombake.
[28] Aa naho tendreke somondrara tsy nifofoeñe t'indaty le azi'e naho vahora'e vaho
vamba iereo; [29] le tsy mahay tsy mañondroke drala volafoty limampolo aman-drae'e
indaty namahots' azey, le ho vali'e i ampelay kanao narè'e; tsy mahazo mañary aze
re ampara-pigadoña' o andro'eo.

# 23

[1] Ao tsy ho rambese' ondaty ty valin-drae'e, hamotera'e ty zon-drae'e.

*Tsy Manan-jo Mivory*

[2] Tsy hiheo am-pivori' IEHOVÀ ty aman-tabiry dinemoke ndra filahiañe nianto.
[3] Tsy hitraok' ami'ty fivori' IEHOVÀ ty anak' amontoñe; tsy hizilik' am-pivori' IEHOVÀ
ao re pak'an-tarira'e faha folo.
[4] Tsy himoak' am-pivori' IEHOVÀ ao t'i nte-Amone ndra t'i nte-Moabe; tsy hizilik'
am-pivori' IEHOVÀ ao re pak' an-tarira'e faha folo, [5] amy t'ie tsy nanalaka anahareo
ninday mahakama naho rano amy lalañe niakara' areo i Mitsraimey; mbore tinambe'
iereo ty ama'o i Balame ana' i Beore nte-Petore boak' arame-Naharaime hañozoñe
azo. [6] Fe tsy nihaoñe' IEHOVÀ Andrianañahare'o t'i Balame; le nafote' IEHOVÀ
Andrianañahare'o ho tata ama'o o ozoñeo ami'ty fikokoa' IEHOVÀ Andrianañahare'o
azo. [7] Tsy hipaia'o fañanintsiñe, ndra firaoraoañe, amo fonga andro'oo.
[8] Tsy ho heje'o ty nte-Edome fa rahalahi'o; le tsy ho heje'o ty nte-Mitsraime fa
nirenetàne an-tane'e ao. [9] Mete mitraok' am-pivori' IEHOVÀ ao o anake nasama'
iereoo ami'ty tarira'e faha telo.

*Ty tsy Faliovañe an-Tobe ao*

[10] Ie mionjoñe mb'eo am-pirimboñan-dahin-defoñe hiatreatre an-drafelahi'o, le
ifoneño ze atao haratiañe. [11] Aa naho ama' areo ao t'indaty tsy malio ty amy fiorihan-
kaleñey, le hiavotse i tobey re, vaho tsy himoak' amy tobey ao; [12] ie miroñe ty andro
le hiandro re vaho hizilik' an-tobe ao te motak'andro.
[13] Le tsy mete tsy amam-piveñañe alafe' i tobey rehe hiamontoña'o; [14] naho an-
karo'o ao ty pitre, aa le ie hitsotake ro hitrabake, vaho hitolike handembefa'o o
niamontoñe'oo. [15] Amy te midraidraitse añivo' i tobe'oy t'IEHOVÀ Andrianañahare'o,
handrombak' azo, hañitoa'e aolo'o eo o rafelahi'oo; aa le hiavake ty tobe'o, tsy
hahavazohoa'e raha maleotse ama'o ao hiambohoa'e.
[16] Tsy hasese'o ami'ty tompo'e ty ondevo niborofotse amy tompo'ey naho nimb'
ama'o mb'eo. [17] Himoneñe ama'o ao re, añivo'o ao amy ze toetse joboñe'e, naho
amy ze rova mahafale ty tro'e, vaho ko ampisoañeñe.
[18] Tsy ho amo anak' ampela' Israeleo ty tsimiriranñe, ndra ty ana-dahi' Israele
mpiharo aman-dahy. [19] Tsy ho banabanae'o añ' anjomba' IEHOVÀ Andrianañahare'o
ao ty tamben-kakarapiloañe ndra ty tamben' amboa* hañavaha'o fànta, fa songa
tiva am' IEHOVÀ Andrianañahare'o i roe rey.

* **23:19** lahihahy miolotse lahilahy Sor 18:22;20:23

[20] Ko ampisongoeñe hitake ana'e aman-dongo'o, ndra fitomboan-drala, ndra
fitomboam-baty ndra fitomboañ' inoñ' inoñe mete ampisongoeñe rekets' ana'e.
[21] Azo'o angalañ' ana'e ty renetane nampisongoe'o, f'ie longo, tsy hangala'o ana'e
ze ampisongoe'o soa te hitahy azo t'IEHOVÀ Andrianañahare'o am-pitoloña'o iaby
an-tane hiziliha'o ho tavane'o ao.
[22] Ie mifanta am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, ko aìke ty hañenefa'o aze amy te tsy
mete tsy hipaia' IEHOVÀ Andrianañahare'o, vaho ho hakeo ama'o. [23] F'ie tsy hanan-
tahiñe te mifoneñe tsy hifanta. [24] Ano am-pahimbañañe ze miakatse am-pivimbi'o;
manahake te fanta nisatrie'o am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, i nampitamam-palie'oy.
[25] Naho iziliha'o ty tanem-balobo' ondatio le azo'o kamaeñe o valobo'eo ampara'
te ànjañe, ze satrie'o, f'ie tsy ampijoña'o an-karo'o ao.
[26] Ie miranga tonda' ondaty miriñariña mahakama, le azo'o tifoeñe an-taña'o ty
loha'e fe tsy añoharam-pitatahañe i mahakaman-drañe'o miriñariñay.

# 24

*Enga-valy naho Tsie-valy*

[1] Naho mangala-baly t'indaty, naho engae'e ho tañanjomba'e, ie añe, malaiñe
aze ami'ty hila* nizoeñe ama'e, le hanokira'e taratasim-pifanarahañe, le ajò'e am-
pità'e ao, vaho am-pomba'e hiakatse i anjomba'ey mb'eo; [2] ie mienga i anjombay,
le ondaty hafa ro mifanambaly ama'e, [3] aa ie heje' indaty faharoey naho anokira'e
ravem-pifanarahañe, naho ampijoñe'e am-pità'e, vaho ampiavote'e amy anjomba'ey
mb'eo (ke te nivilasy indaty faharoe nañenga azey); [4] le tsy azo' i vali'e valoha'ey
engaeñe ho vali'e ka, ie fa nileoreñe, fa tiva am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, vaho ko
ampanaña'o hakeo i tane atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo ho lova'oy.

*Lily ila'e*

[5] Naho nañenga-vao t'indaty, le tsy hitrao-lia hialy amo lahin-defoñeo vaho tsy
hampitoloñeñe. Hampidadaeñe an-kiboho'e ao taoñe raike hampifalea'e i vali'e
nengae'ey.
[6] Ko rambeseñe ho tsoake ty †leoñe ndra ty akalo, amy te i havelo'ey ty ho nanoe'e
tsoake.
[7] Naho zoe' ondaty ty ana' Israele mitavañe longo, ndra mañondevo aze, ndra
mandetak' aze le havetrake i mpitavañey. Zay ty amongora'o ty raty ama'o ao.
[8] Mitomira amo angamaeo le ambeno am-pahimbañañe vaho fonga ano ze hene
toroa' o mpisoroñe nte-Levio azo; ze nandiliako iareo ty hitsonteña'o hanoeñe.
[9] Tiahio i nanoe' IEHOVÀ Andrianañahare'o amy Miriame an-dalañe eo ihe niavotse i
Mitsraimey.
[10] Ie nampisongo an-drañe'o ko imoaha'o i kiboho'ey hikodebe i tsoa'ey. [11] Alafe'e
ao avao rehe, le indaty nampisongoe'oy ty hañakatse i tsoakey ama'o. [12] Naho
rarake indatiy, le tsy hindese'o hirotse ama'o i tsoa'ey, [13] fa tsy mete tsy hasese'o
ama'e i tsoa'ey naho miroñe i àndroy soa te hirota'e i saro'ey vaho hitat' azo, le ho
havantañañe ama'o añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o.
[14] Ko ampisoañe'o ty mpitavañ'ay rarake nièhe'o, ke t'ie longo he renetane an-
tane'o, an-drova'o ao. [15] Amy andro'ey avao, aolo' ty tsofots' andro ty hanolora'o ty
rima'e, fa rarake re le ho salalaen' tro'e, tsy mone hitoreo am' IEHOVÀ ty ama'o re,
vaho ho hakeo ama'o.
[16] Tsy havetrake ty amo ana'eo o roaeo vaho tsy ho vonoeñe ty aman-droae'
iareo o anakeo; songa havetrake ty amy tahi'ey t'indaty. [17] Ko mengohe'o ty

* **24:1** hila: fa nandrañaotse; Mat 5:32, 19:9 † **24:6** Heb: fandisanañe ndra ty vato'e ambone'

fizakañe o renetaneo, naho o tsy aman-draeo; vaho ko mandrambe ty lambam-
bantotse ho tsoake. 18 Tiahio t'ie niondevo e Mitsraime añe vaho nijebañe' IEHOVÀ
Andrianañahare'o hiavota'o, aa le afantoko ama'o ty hanao izay.
19 Ie manatak' an-tete'o ao naho andikofa'o an-tetek' ao ty voto-tsako, ko mibalike
mb'eo hangalak' aze, fa angao ey ho a i renetaney naho i bode-raey vaho i vantotsey,
soa te hitahy azo t'IEHOVÀ Andrianañahare'o amy ze hene fitoloñam-pità'o.
20 Ie mamofoke ty foton-olive'o, ko indrae'o fofoke o ra'eo: fa a i renetaney naho
a i bode-raey vaho a i vantotsey. 21 Ihe manontoñe valobok' an-tanem-bahe'o ao, ko
ihereña'o ty lailai'e, fa ho a i renetaney naho i bode-raey vaho i vantotsey. 22 Tiahio
t'ie niondevo e Mitsraime añe; aa le lilieko rehe hanao zay.

# 25

1 Naho mifandietse t'indaty roe naho miatre-jaka hizakà' o mpizakao, le mañatò
ty to iereo vaho mañozoñe ty nanao raty, 2 ie amy zao naho mañeva lafaeñe i
nanao ratiy le hampibabohe' i mpizakay añatrefa'e vaho ho lafaeñe ami'ty hamaro'e
mañeva i haratiañey. 3 Mete ho lafae'e in-efapolo fa tsy handikoarañe hera, ie
mandafa mandikoatse i somoritse rezay le ho po-engeñe am-pihaino'o i longo'oy.
4 Ko feoze'o ty añombe mandisañe.
5 Naho mitraok' anjomba ty mpiroahalahy, vaho vilasy tsy aman-tiry ty raike, le
tsy hengaen-dahy alafen-dongo'e i ramavoiñey. I rahalahim-bali'ey ty hañenga aze
ho vali'e hañenefa'e i lilin-drahalahim-bali'ey. 6 Ie amy zao, hatao amy tahinan-
drahalahi'e nivilasiy ty tañoloñoloñan' ana'e soa tsy ho faoheñe am' Israele i
tahina'ey. 7 Aa naho malaiñe tsy te hañenga ty ramavoin-drahalahi'e indatiy, le soa
re te hionjoñe mb'an-dalambey mb' amo androanavio mb'eo i valin-drahalahi'ey
hanao ty hoe, Mifoneñe tsy hañonjoñe ty tahinan-drahalahi'e am' Israele ao i
rahalahim-balikoy; tsy mete hanoe'e amako i lilim-balin-drahalahiy. 8 Le hikanjia'
o roandria' i rovaio, vaho hisaontsiañe, f'ie mitoky ami'ty hoe, Tsy te hangalak' aze
raho; 9 le hiheo ama'e añatrefa' o androanavio i ramavoin-drahalahi'ey le hafaha'e
am-pandia' indatiy i hana'ey le handrorà'e ty lahara'e, vaho hitsey ty hoe: Zao ty
hanoañe t'indaty tsy mamboatse i akiban-drahalahi'ey. 10 Le hatao ty hoe: Ty kijà' i
nañafahan-kànay re e Israele ao.
11 Naho mifangatotse t'indaty roe naho harinè' ty vali' ty raike hamotsora'e am-
pità' i mamofokey i vali'ey, vaho mañity tañañe mandrambe o tabiri'eo, 12 le ho
tampahe'o ty taña'e, fa tsy ho tretrezem-pihaino'o.
13 Ao tsy hanam-bato-pandanja tsy mira an-kontra'o ao: ty bey naho ty kede. 14 Ko
mampisy fañaranañe tsy mira añ'akiba'o ao: ty bey naho ty kede. 15 Vato-pandanjàñe
do'e naho mahity vaho fañaranañe do'e naho vantañe ty ho ama'o, soa t'ie ho
lava haveloñe an-tane atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo. 16 Toe tiva am' IEHOVÀ
Andrianañahare'o ze manao irezay, ze fonga mitolon-katsivokarañe.
17 Tiahio i nanoe' i Amalek' azo amy lia'o niavotse i Mitsraimeiy, 18 ie nifanampe
ama'o an-dalañe eo naho nandafa o nitakatrotse ama'oo, o tam-boli'oo, ihe nidazi-
dazìtse naho nitoirañe; ie tsy nañeveñe aman' Añahare. 19 Aa ie nampitofà' IEHOVÀ
Andrianañahare'o amo fonga rafelahi'o mañohok' azoo an-tane nampandovae'
IEHOVÀ Andrianañahare'o azo ho tavane'o le ho faopaohe'o ambane' i likerañey ty
faniahiañe i Amaleke; ko andikofa'o.

# 26

1 Aa ie fa nivotrak' amy tane nampandovae' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoy naho
nitavane'o vaho imoneña'o: 2 le ho rambese'o ty loha-voa' ze voka' i taney, le
hendese'o boak'an-tane atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo le hajo'o an-karoñe ao

vaho hasese'o mb'amy toetse ho joboñe' IEHOVÀ Andrianañahare'o hampipoha'e
i Tahina'eiy mb'eo. 3 Le hiheo mb'amy mpisoroñe mitoloñe amy andro zaiy
rehe, hanao ty hoe ama'e : Taroñeko am' IEHOVÀ Andrianañahare'o androany,
fa nivotrak' an-tane nifantà' IEHOVÀ an-droaentika t'ie hatolo'e antika. 4 Le ho
rambese' i mpisoroñey am-pità'o i haroñey vaho hapò'e aolo' i kitreli' IEHOVÀ
Andrianañahare'oy. 5 Le hanao ty ti-hoe rehe añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o:
Nte-Arame, mpirererere ty raeko t'ie nionjoñe mb'e Mitsraime mb'eo, nitaveañe
añe rekets' ondaty tsy ampeampe vaho nitombo ho foko ra'elahy naho maozatse
naho nifamorohotse. 6 Le nanao samporerake naho nampisoañe antika o nte-
Mitsraimeo vaho niforekekè' iereo ampandrohizañ' ajale; 7 f'ie nikanjy am' IEHOVÀ
Andrianañaharen-droaentika le jinanji' IEHOVÀ ty fiarañanañan-tika naho niva-
zohoe'e i fampisoañañey naho i fitromahañey vaho i famorekekeañe antikañey.
8 Le nampiavote' IEHOVÀ amy Mitsraime tika an-dela-pitàñe maozatse, naho am-
pitàñe nitora-kitsy naho am-pangebahebahañe naho am-biloñe vaho am-pitoloñañe
tsitantane. 9 Le nendese'e mb' an-toetse atoy, vaho natolo'e antika o tane atoio, tane
orikorihen-dronono naho tantele. 10 Aa ingo, engaeko ty loha-voa' i tane natolo'o ahiy
ry IEHOVÀ.

Le hapo'o añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o vaho mitalahoa am' IEHOVÀ Andri-
anañahare'o. 11 Le mirebeha amo hene hasoa natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o
ama'o naho amy anjomba'oio, ihe naho i nte-Leviy, vaho i renetane ama'oy.

12 Aa naho nihenefe'o ty fañengañe ty faha-folom-bòka'o amy taom-pahateloy, i
taom-pañengam-pahafoloy, naho fa finaha'o o nte-Levio, o renetaneo, naho o bode-
raeo, vaho o vantotse an-drova'oo hikama' iareo ho anjañe, 13 le hanao ty hoe rehe
añatrefa' IEHOVÀ Andrianañahare'o, Fa nakareko an-trañoko ao o raha navahekoo,
naho fa natoloko amo nte-Levio naho amo renetaneo naho amo bode-raeo naho amo
vantotseo, ty amo hene lily nililie'o ahikoo; tsy nililareko ndra nihaliñoko o lili'oo.
14 Tsy nihinanako te nandala, naho tsy nahajako t'ie naleotse, naho tsy nengaeko amo
havilasio, fe nihaoñeko ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahareko vaho nanoeko
iaby o nandilia'o ahikoo. 15 Mivazohoa boak' añ' anjomba'o masiñe andikerañe ao,
le tahio ondati'o Israeleo naho i tane natolo'o anaiy, ty amy nifantà'o aman-droae'aiy,
i tane orikorihen-dronono naho tanteley.

16 Afanto' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo androany te hanoe'o o fañè naho fepetse
zao: le hambena'o naho hanoe'o an-kaampon' arofo'o vaho an-kaliforam-pañova'o.
17 Fa tinaro'o anindroany te Andrianañahare'o t'IEHOVÀ, hañaveloa'o o lala'eo; naho
hambena'o o fañè'eo, naho o lili'eo naho o fepè'eo vaho ho janjiñe'o i fiarañanaña'ey.
18 Nafè' IEHOVÀ anindroany te ihe ro vara-iso'e, ty amy nampitamae'e azoy, aa le
hambena'o iaby o lili'eo. 19 Fa haonjo'e andigiligi' ze hene foko namboare'e, am-
pandrengea naho tahinañe naho hasiñe, vaho h'ondaty navaheñ' am' IEHOVÀ Andria-
nañahare'o rehe, ty amy tsara'ey.

# 27

1 Le linili' i Mosè naho o roandria' Israele iabio ondatio ami'ty hoe: Ambeno
iaby o lily andiliako androanio. 2 Le amy andro itsaha' areo Iardeney mb'an-
tane atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo, ty hañoreña'o vato jabajaba ho patrora'o
sokay. 3 Aa ihe fa nitsake le sokiro ama'e o enta' ty Hake toio, himoaha'o i tane
atolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo, tane orikorihen-dronono naho tantele; i nitsara'
IEHOVÀ Andrianañaharen-droae'oy.

4 Le ihe nitsake Iardeney ro hampitroatse i vato liniliko azo anindroany, am-
bohi' i Ebale eiy vaho ho patrora'o sokay. 5 Le ranjio eo ty kitrely ho a IEHOVÀ
Andrianañahare'o, kitreli-vato; le tsy haonjo'o ama'e ty viñe. 6 Hitsenea'o vato
boko'e tsy nivàñeñe i kitreli' IEHOVÀ Andrianañahare'oy vaho hengae'o ama'e ty

soroñe am’ IEHOVÀ Andrianañahare’o. 7 Le hañenga soron-kanintsiñe naho hikama
naho hirebek’ añatrefa’ IEHOVÀ Andrianañahare’o; 8 vaho ho sokire’o amy vato rezay
am-bakabaka ze hene enta’ ty Hake toy.

9 Le hoe ty lañona’ i Mosè naho o nte-Levy mpisoroñeo am’ Israele iaby: Mianjiña
naho mijanjiña ry Israele, androany t’ie fa ondati’ IEHOVÀ Andrianañahare’o. 10 Aa
le oriho ty fiarañanaña’ IEHOVÀ Andrianañahare’o, vaho ano o lili’eo naho o fañè’e
lilieko azo androanio.

11 Le hoe ka ty namantoha’ i Mosè ondatio amy àndroy: 12 Hitroatse ambone’ ty
vohi-Gerizime iretoañe hitata ondatio naho fa nitsake Iardeney: i Simone, i Levy,
Iehodà, Isakhare, Iosefe, vaho i Beniamine. 13 Le hitroatse ambone’ i vohi-Ebaley ka
retoañe, hañozoñe; i Reòbene, i Gade, i Asere, i Zebolone, i Dane vaho i Naftalý.
14 Le hipazak’ am’ ondati’ Israele iabio o nte-Levio ami’ty hoe:

15 Afàtse ze ondaty mandranjy saren-drahare tiva am’ IEHOVÀ an-tsokitse ndra am-
pitranahañe, an-tsatam-pità-mahimbañe mampitroatse aze an-kàfitse ao. Le ty hoe
ty hatoi’ ondaty iabio: Ie zay*.

16 Afàtse ze mañavasoke rae naho rene.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
17 Afàtse ze mameve †vorovoro’ondaty.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
18 Afàtse ty mampiolake ty goa amy lia’ey.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
19 Afàtse ty mañola-jaka amy renetaney naho amy bode-raey vaho amy vantotsey.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
20 Afàtse ty mifandiatihy ami’ty valin-drae’e; ie mañafake ty kitamben-drae’e.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
21 Afàtse ze misahe ndra biby inoñ’ inoñe.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
22 Afàtse ze miolotse ami’ty rahavave’e, ke anan-drae’e he anan-drene’e.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
23 Afàtse ze mitrao sarimbo ami’ty rafoza-ampela’e.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
24 Afàtse ze mitombo-tambioñe aman-drañe’e.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
25 Afàtse ze mandrambe tambe hanjevoñe ty vañoñe.
Le hene hanao ty hoe ondatio: Ie zay.
26 Afàtse ze tsy miantoke o hene enta’ ty Hake toio hañorik’ aze. Le hanao ty hoe
iaby ondatio: Ie zay

# 28

1 Aa ie amy zao, naho janjiñe’o ty fiarañanaña’ IEHOVÀ Andrianañahare’o hañorike
vaho hanao ze hene lili’e lilieko azo androany le honjone’ IEHOVÀ Andrianañahare’o
ambone’ ze hene foko’ ty tane toy. 2 Le hitotsak’ ama’o o fitahiañe rezao, toe hivotrak’
ama’o naho haoñe’o t’IEHOVÀ Andrianañahare’o.

3 Ho tahie’e an-drova ao rehe, le ho tahie’e an-tonda ao.

4 Ho tahie’e ty vokam-pañova’o, naho ty voka’ ty tane’o, naho ty voka’ o hare’oo,
ty fibodobodoa’ o añombe’oo, naho ty fitomboa’ o anak’ añondri’oo.

5 Ho tahie’e ty zahe’o naho ty akalam-bokoboko’o. 6 Ho tahie’e ty fiziliha’o naho
ho tahie’e ty fiengà’o.

* 27:15 Amene: Ie zay † 27:17 Famantarañ’efe-tane

7 Hampizevoñe’ IEHOVÀ añatrefa’o eo ze rafelahi’o hitroatse haname azo; hiboaha’e
an-koe, le mb’an-dalam-pito mb’eo ty hitribaña’e an-day.
8 Handily fitahiañe ama’o t’IEHOVÀ, an-driha’o ao naho amy ze hene toloñem-pità’o,
le ho tahie’e rehe an-tane atolo’ IEHOVÀ Andriananañahare’o azo.
9 Ho ventè’ IEHOVÀ t’ie ondati’e miavake, amy nifantà’e ama’oy naho ambena’o o
lili’ IEHOVÀ Andriananañahare’oo vaho añaveloa’o o lala’eo. 10 Ho oni’ ze kila ondati’
ty tane toy t’ie kanjieñe amy tahina’ IEHOVÀy vaho hañeveña’ iareo.
11 Hampiraoraoe’ IEHOVÀ o havokara’oo, ty vokam-pañova’o, naho ty fitomboa’ o
añombe’oo naho ty havokara’ ty tete’o amy tane nifantà’ IEHOVÀ an-droae’o hatolo’e
azoy. 12 Ho sokafe’ IEHOVÀ ama’o o riha’e fanjàkao: hampahavia’ i likerañey orañe
an-tane’o eo an-tsa’e, le ho tahie’e ze hene fitoloñam-pità’o.
Le hampisongo rofoko maro rehe fa tsy hisongo. 13 Hanoe’ IEHOVÀ lohà’e rehe fa
tsy voli’e; le ho ambone avao rehe fa tsy ho ambane, naho tsatsihe’o o lili’ IEHOVÀ
Andriananañahare’o lilieko androanio naho hanoe’o an-tsontèñeñe 14 naho tsy hivik’
ami’ty tsara inoñ’ inoñe lilieko anito, mb’am-pitàn-kavana, ndra mb’ankavia haño-
rike ‘ndrahare hafa hitoroña’o.
15 Fe ho avy ama’o, naho tsy haoñe’o ty fiarañanaña’ IEHOVÀ Andriananañahare’o
hambena’o naho hanoe’o o lili’eo naho o fañè’e lilieko azo androanio; eka hifetsak’
ama’o vaho hiambotraha’ o fonga fatse rezao:
16 Hafàtse rehe te an-drova vaho hafàtse te an-tetek’ ao.
17 Hafàtse ty haro’o naho ty akala fampibokobokoa’o mofo.
18 Hafàtse ty vokam-pañova’o naho ty voka’ ty tane’o naho ty fitombo’ o hare’oo
vaho o anak’añondrio’oo.
19 Hafàtse t’ie mimoake vaho hafàtse te miavotse.
20 Haobo’ IEHOVÀ ama’o ty ozoñe, ty hasalarañe, naho ty endake, amy ze toloñem-
pità’o iaby am-para’ te rotsake, hikoromaha’o aniany, ty amo halòn-tseren-tsata’oo,
ty amy niambohoa’o ahiy.
21 Hapite’ IEHOVÀ ama’o ty angorosy am-para’ t’ie nabotse’e an-tane imoaha’o ho
tavane’o añe.
22 Haretsa’ IEHOVÀ ama’o ty hiehie, ty firemboremboañe, ty sandri-mena, ty
hatsovovohañe, ty fibara, ty mpikoli’e, ty bobongolo, hañoridañe azo am-para’ t’ie
mongotse.
23 Ho torisìke i likerañe ambonen’ añ’ ambone’o eiy vaho ho viñe ty tane ambane’o
eo.
24 Hampinjarè’ IEHOVÀ bo naho deboke ty orañ’ an-tane’o; boak’ andikerañe ty
hiavia’e am-para’ te mianto rehe.
25 Hampigiohe’ IEHOVÀ rehe añatrefa’ o rafelahi’oo, hiavotse mb’ an-dalañe raike
rehe hañoridañe iareo, f’ie hivoratsake mb’an-dalam-pito aolo’ iareo mb’eo, le ho
fangebakebahañe amo fonga fifehea’ ty tane toio. 26 Ho fihina’ o fonga voron-tiokeo
ty fate’o, naho o biby an-kivok’ ao le tsy eo ty hanao soike.
27 Hapao’ IEHOVÀ ama’o ty bae-tovoa’ i Mitsraime, naho ty bohìñe naho ty hàteñe
vaho ty hìly tsy mete janganeñe.
28 Ho kabohe’ IEHOVÀ hadagolañe naho hagoan-drehe vaho hatsiborohetohan’
troke. 29 Hitsapatsapa an-tsingilingiliñeñe rehe manahake ty fijebejebea’ ty tòfak’
an-kamoromoroña’e ao, le tsy hiraorao amo sata’oo, f’ie ho forekekeñe naho ho
tavaneñe avao fa pitso-pandrombake. 30 Hifofo valy rehe f’ie hiolora’ ondaty;
hañoren-traño f’ie tsy himoneña’o, hambole tetem-bahe fe tsy ho toloñe’o o
valobo’eo. 31 Ho lentàñe aolom-pihaino’o eo ty vosi’o f’ie tsy hikama’o, ho tavaneñe
añatrefan-dahara’o eo ty borìke’o fa tsy himpoly ama’o; hatolotse an-drafelahi’o o
añondri’oo le tsy eo ty handrombake. 32 Hatolotse ami’ty foko ila’e o anadahi’oo
naho o anak’ ampela’oo le ho jilojiloem-pihaino’o lomoñandro iareo f’ie hilesa, vaho
ho po-kaozarañe ty fità’o. 33 Habotsem-poko tsy fohi’o ze fonga havokara’ o tane’oo

naho ze hene fitoloña'o naho hampisoañeñe vaho ho demodemoheñe nainai'e, 34 le
ho seretse rehe am-pahaisaham-pihaino'o ty amo ho isa'oo.

35 Ho paohe' IEHOVÀ an-kòna tsy lefe melañeñe ty ongo'o naho kitso'o, toe boak'
an-dela-pandia'o pak'an-kevo'o eo.

36 Hasese' IEHOVÀ mb'am-pifeheañe tsy nifohi'o, ihe ndra o roae'oo, rekets' i
mpanjaka najado'o ho mpifelek' azoy; vaho añe ty hitoroña'o ty ndrahare ila'e: hatae
naho vato. 37 Le ho firevendreveñan-drehe, ho razan-drehake naho fañonjira' ze
hene foko hitehafa' IEHOVÀ azo añe.

38 Hilogologo tabiry mb' an-tetek' ao rehe fe tsy ampeampe ty hatonto'o an-driha,
fa habotse' ty valala. 39 Hambole naho hañalahala tetem-bahe, fe tsy hinome'o ty
divai'e, tsy hatonto'o o valobo'eo fa havorembore' ty oletse. 40 Ho tsitsihen-katae olive
ty tane'o fa ihe tsy hihoso-menake, amy te hihintsam-boa o hatae oliveo. 41 Hitoly ana-
dahy naho anak'ampela fa tsy ho ama'o, homb' am-pandrohizañe añe iereo. 42 Fonga
ho tavane' o valalao o hatae'oo naho ty voka' o tane'oo. 43 Hitoabotoabotse ambone'o
ty renetane ama'o ao, ihe mirèke mañambane avao. 44 Hampisongo ama'o re, fa ihe
tsy hampisongo ama'e, ie ty ho lohà'e le ihe ty ho ohi'e.

45 Hifetsak' ama'o i fàtse rezay naho hiridarida hanjòmotse azo ampara' t'ie
rotsake, amy te tsy nihaoñe'o ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare'o, tsy
nambena'o o lili'e naho fañè'e nandilia'e azoo.

46 Le ho viloñe naho halatsañe ama'o naho amo tarira'oo nainai'e kitro katroke
irezay; 47 amy t'ie tsy nitoroñe IEHOVÀ Andrianañahare'o am-pirebehañe naho an-
kafalean' arofo'o ty amo fitobahan-kavokarañe iabio.

48 Aa le ho toroñe'o ty rafelahi'o nampañoridañe' IEHOVÀ ama'o, an-kasalikoañe,
an-taliñiereñe, am-pihaloañe naho an-kararahañe vaho hanampeza'e joka vy ty
fititia'o am-para te rotsake.

49 Hendese' IEHOVÀ hirik' an-tsietoitane, boak' añ'olo-ty tane toy añe, manahake ty
fitsiritsion-tsimalaho; ty foko tsy fohi'o fisaontsy; 50 t'indaty mihelok' an-tarehe'e,
tsy mañaoñe ondaty bey, tsy miferenaiñe ty kede. 51 Mbore habotse'e ty tiri' o
añombe'oo, naho ty havokara' ty tane'o am-para' t'ie rotsake; tsy hapo'e ty tsako, ty
divai-vao, ty menake, vaho ty fitomboa' o bibi'oo naho o anan-dia-rai'oo ampara' t'ie
nampimomohe'e. 52 Le hiarikoboña'e o fonga rova'oo ampara' te mihotrake o kijoli-
abo niatoa'o an-tane'oo; vaho hamalañ' azo re an-dalam-bein-drova'o iaby, hanitsike
i tane' natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoy. 53 Le ho kamae'o ty vokam-pañova'o,
ty nofo' o ana-dahi'o naho o anak' ampela'o natolo' IEHOVÀ Andrianañahare'o azoo,
amy fiarikoboñañey naho amy haemberañe hanotria' o rafelahi'ooy. 54 Handofiry
aman-drolongo'e naho ami'ty vali'e añ' araña'e eo naho amo amory honka'eo ty
fihaino' ondaty tsotra naho mora-arofo ama' areo ao, 55 amy ty fatiti'e tsy hanisa
am' iareo ty nofon' ana'e ho kamae'e; ami'ty hapoi'e amy haemberañe hanotria'
o rafelahi'eo aze an-drova'o ao iabiy. 56 Le ty rakemba maleme naho tretrañe
ama'o ao i tsy mahavany handia tane an-delam-pandia'e ami'ty hatretra'e naho
ami'ty fitrotrotrotroa'e ro hanao fihaino mena amy valin' araña'ey naho ami'ty ana-
dahi'e naho ami'ty anak'ampela'e, 57 naho ami'ty enta'e miboak' añivom-pandia'eo,
naho amo anake ho samahe'eo, amy t'ie ho kamae'e añ'etake ami'ty hapoi'e amy
fiarikoboñañey naho amy fanjira' i rafelahi'oiy, ie hembera'e amo fonga rova'oo.

58 Aa naho tsy hene ambena'o hanoeñe ze enta' i Tsara sinokitse ami'ty boke toiy,
hañeveña'o i tahinañe rengèñe naho mampañeveñey, IEHOVÀ Andrianañahare'o;
59 le hafetsa' IEHOVÀ ama'o ty angorosy mahadaba, naho ty hatarareañe o tiri'oo, naho
rare raty mitoboke ela, vaho ho tokoen-kasilofañe manaentaeñe nainai'e. 60 Mbore
hampifetsahe'e ama'o ze fonga arete' i Mitsraime nihembaña'oo, le hapiteke ama'o.
61 Le hapo' IEHOVÀ ama'o ka ze arete aman' angorosy tsy sinokitse ami'ty Boke Hake

toy ampara’ te hikoromake. 62 Le hengañe tsy ampeampe rehe, ihe nifamorohotse
mira amo vasian-dikerañeo taolo, amy te tsy nihaoñe’o ty fiarañanaña’ IEHOVÀ
Andrianañahare’o.
63 Ie amy zay, hambañe ami’ty nirebeha’ IEHOVÀ ama’o, hañasoa’e azo naho ham-
pamorohota’e, ro hirebeha’ IEHOVÀ ami’ty fandrotsaha’e, naho ty hampamongora’e
azo, ie ho karaohe’e amy tane nandena’o nitavane’oy. 64 Le hampiparaitahe’ IEHOVÀ
amo hene foko’ ty tane toio, boak’ añ’olo’e añe sikal’ añ’olots’ ila’e añe, le hitoron-
drahare ankafaankafa añe ze mboe lia’e tsy nifohi’o ndra o rae’oo: hatae naho
vato. 65 Le tsy hierañerañe amy tane rezay rehe, naho tsy hahatrea fitofàñe ao ty
lelam-pandia’o; f’ie ho tolora’ IEHOVÀ arofo mihitikitike naho fihaino milesa vaho
fivetsevetse mioremèñe. 66 Hiradorado am-pimarimarihañe aolo’o eo ty fiai’o le
hampirevendreveñe azo ty tariñ’ andro naho ty haleñe le ho po-kazavàñ’ arofo
ty ami’ty fiai’o. 67 Hanao ty hoe rehe te maraindray: Ee any t’ie nihariva, naho
an-kariva, ty hoe, Ehe t’ie nimaraindraiñe! ty amy fihembañañ’ arofo’oy, amy
inevenevera’oy, naho ty amo isahem-pihaino’o ho isa’oo.
68 Le hampolie’ IEHOVÀ mb’e Mitsraime an-tsambo, amy lalañe nitaroñeko azoy te:
Tsy handena’o ka! añe rehe ro handeta sandriñe an-drafelahi’o h’ondevo-lahy naho
ondevo-ampela, fe tsy eo ty hikalo azo.
69 Zao ty tsaram-pañina nampanoe’ IEHOVÀ i Mosè amo ana’ Israeleo an-tane Moabe
ao ho tovo’ i fañina nanoe’e am’iereo e Korebey.

# 29

1 Le kinoi’i Mosè t’Israele iaby vaho nanoe’e ty hoe, Fa niisa’ areo ze hene fitoloña’
IEHOVÀ añatrefam-pihaino’ areo an-tane Mitsraime ao amy Parò naho amo fonga
mpitoro’eo vaho amy hene tane’ey. 2 O fitsohañe ra’elahy niisam-pihaino’oo, naho
o viloñeo vaho o halatsàñeo. 3 F’ie mboe tsy tinolo’ IEHOVÀ arofo mahaoniñe, ndra
fihaino mahaisake, ndra ravembia mahajanjiñe pake henanekeo. 4 Mbore niaoloako
efa-polo taoñe am-patrambey ao, le tsy nikoneats’ ama’ areo o saro’ areoo, vaho tsy
nihahambo am-pandia’o eo ty hana’o. 5 Tsy nikama mofo nahareo, tsy nikama divay
ndra toake, hahafohina’ areo te Zaho IEHOVÀ Andrianañahare’ areo.
6 Ie nivotrak’ an-toetse atoy, le naname antika t’i Sikone mpanjaka’ i Khesbone,
naho i Oge mpanjaka’ i Basane hifañotakotak’ aman-tika f’ie kinabokabon-tika. 7 Le
rinamben-tika ty tane’ iareo naho natolotse ho lovae’ o nte-Reòbeneo naho o nte-
Gadeo vaho i vakim-pifokoa’ i Menasèy.
8 Ambeno arè o tsara’ ty fañina toio, vaho ano, soa te hiraorao amy ze hene fitoloña’
areo.
9 Mijohañe androany, inahareo iaby, añatrefa’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo;
o mpiaolo’ areoo, o fifokoa’ areoo, o androanavi’ areoo, o mpifehe’ areoo, naho
ze hene lahilahi’ Israele, 10 o amori’ areoo, o vali’ areoo, ty renetane an-tobe’o
ao, ty mpañatsa-katae’o, vaho ty mpitari-drano’o, 11 soa te hifañina am’ IEHOVÀ
Andrianañahare’o naho ami’ty fanitik’ anoe’ IEHOVÀ Andrianañahare’o ama’o
androany; 12 fa horiza’e h’ondati’e anito, le ie ty ho Andrianañahare’o, amy nitsarae’e
ama’oy, naho nifantà’e aman-droae’o, amy Avrahame, naho am’ Ietsàke, vaho am’
Iakobey.
13 Tsy ihe avao ty anoako ty fañina toy naho ty titike toy, 14 fa o miharo
mijohañe aman-tika etoañe añatrefa’ IEHOVÀ Andrianañaharentika androanio, naho
o tsy aman-tika etoañe androanio ka. 15 (Amy te fohi’ areo i nitaveañantika
e Mitsraimey; naho ty firangan-tika o rofoko nitsaha’ areoo, 16 naho niisa’ areo
ty hativa’e, naho o saren-drahare an-katae naho am-bato naho am-bolafoty vaho
am-bolamenao.) 17 Kera ama’ areo t’indaty ndra rakemba ndra hasavereñañe

ndra fifokoañe hiamboho am'IEHOVÀ Andrianañaharentika añ'arofo'e androany
handenà'e hañorike i 'ndraharen-drofoko zay; hera ama' areo ty vahatse mampitiry
mañendrake ndra lombiry; 18 le ie mahajanjiñe o tsara' ty fatse toio, ro hiebotse
an-tro'e ao, hanao ty hoe, Hierañeran-draho ndra te mandeha an-kagàn-troke, soa
t'ie ndra tane maike ro hahazo leñe añivo o tane soa tondra-dranoo. 19 Tsy ho satri'
IEHOVÀ ty hiheve aze, te mone ty haviñera' IEHOVÀ naho ty famarahia'e ro hiforoforo
am' indatiy, hametsaha' ze fonga fàtse sinokitse ami'ty boke toy, vaho ho faopaohe'
IEHOVÀ ambane' i likerañey ty tahina'e. 20 Ie havì' IEHOVÀ amo hene fifokoa' Israeleo
ho an-doza ty amo fonga ozo' i fañina sinokitse ami'ty Boke Hake toio. 21 Ie añe,
homb'eo o tariratse hanonjohio, o ana'oo, mitraok' ami'ty ambahiny handoak' atoy
hirik' an-tsietoitane añe, le ie isa' iareo ty angorosi' i taney naho o areteñe nanilofa'
IEHOVÀ ama'eo ro hanao ty hoe, 22 Fonga vato-tranake naho sira, naho fiforehetañe
o taneo: tsy tinongy, tsy mamoa, tsy itirian' ahetse, manahake ty fandrotsahañe i
Sedome naho i Amorà, i Admà naho i Tseboime ty nandrotsaha' IEHOVÀ iareo an-
kaviñera'e naho am-pilorororoa'e; 23 le hanao ty hoe o hene fifeheañeo: Aa vaho ino
ty nanoe' IEHOVÀ ty tane toy? Akore ty hamoroforoa' ty haviñerañe ra'elahy toy? 24 eo
ty hanoiñe ty hoe: Toe ie nifary ty fañina' IEHOVÀ Andrianañaharen-droae' iareo, i
nanoe'e amy nampiengà'e an-tane Mitsraimeiy; 25 naho nimb' amo ndrahare ila'eo,
nitoroñe irezay, ndrahare tsy nifohi' iareoo vaho tsy natolo'e am'iareo. 26 Toly ndra
nisolebotse amo taneo ty haviñera' IEHOVÀ hametsaha'e ama'e ze fonga fatse sinokitse
ami'ty boke toy. 27 Le nombota' IEHOVÀ an-keloke naho an-kaviñerañe vaho am-
pifomboañe an-tane' iareo ao vaho sinoi'e mb'an-tane hafa añe am-para-henaneo.
28 A IEHOVÀ Andrianañaharentika o raha mietakeo le an-tikañe naho amo anan-
tikañe nainai'eo o raha naboakeo, soa te hanoentika o hene enta' ty Hake toio.

# 30

1 Aa naho fa nifetsak' ama'o i he'e rezay, ty tata naho ty fatse napoko añatrefa'o,
naho ho tiahi'o an-troke ao, amo hene tane nandroaha' IEHOVÀ Andrianañahare'o
azoo, 2 naho ie mimpoly mb' am' IEHOVÀ Andrianañahare'o, vaho horihe'o i
fiarañanaña'ey, o raha iaby lilieko azo androanio, ihe naho o keleia'oo, an-
kaampon' arofo vaho an-kaliforam-pañova, 3 le hafote' IEHOVÀ Andrianañahare'o
ama'o i fandrohizañey ho fitretrezañe, le hibalike hanontoñe azo amo rofoko iaby
nampiparaitahe' IEHOVÀ Andrianañahare'oo. 4 Aa ndra te naronje mb'am-para' o
likerañeo añe ty ila'o, le hirik' añe ty hangala' IEHOVÀ Andrianañahare'o azo; 5 naho
hindese' IEHOVÀ Andrianañahare'o mb'an-tane tinavan-droae'o mb'eo le ho lovae'o,
naho ho soae'e, vaho hampanaranàhe'e mandikoatse o roae'oo. 6 Le ho savare'
IEHOVÀ Andrianañahare'o ty arofo'o naho ty arofo' o tiri'oo, hikokoa'o t'IEHOVÀ
Andrianañahare'o an-kaampon' arofo'o naho an-kaliforam-pañova'o soa te ho velon-
drehe.
7 Le hafetsa' IEHOVÀ Andrianañahare'o amo rafelahi'oo naho amo malaim-bintañe
azoo vaho amo nanao sarererak' azoo o fatse iaby retiañe. 8 Le hibalike rehe vaho
ho haoñe'o ty fiarañanaña' IEHOVÀ, le hene horihe'o o tsara lilieko azo androanio.
9 Le hampiraoraoe' IEHOVÀ Andrianañahare'o amy ze fitoloñam-pità'o iaby, ami' ty
tirim-pañòva'o, naho ami' ty fanaranaha' o añombe'oo naho ami'ty voka' ty tane'o,
ho ami'ty hasoa; amy te hirebeha' IEHOVÀ indraike manahake ty nandia'e taroba
amo roae'o; 10 naho toe tsendreñe'o ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare'o,
hañambeñe o lili'e naho fañè'e sinokitse ami'ty boke Hake toio, hitolike am'IEHOVÀ
Andrianañahare'o an-kaampon'arofo'o vaho an-kaliforam-pañova'o.
11 Le tsy loho sarotse, tsy lavitse' añe, ty lily lilieko azo androany. 12 Ie tsy
andikerañe añe hanoa'o ty hoe: Ia ty hionjoñe mb'andindim-b'eo hangalak' aze ho
antika, hijanjiñan-tika, hambenan-tika? 13 Toe tsy alafe' i riakey añe te hanoe'o ty

hoe, Ia ty hitsake i riakey hangalak' aze ho antika, hijanjiñan-tika hañorihan-tika?
14 Fe marine azo i tsaray, am-palie'o, naho añ'arofo'o, hañoriha'o aze.

15 Ingo apoko añatrefa'o androany ty haveloñe naho ty hasoa, ty fihomahañe
vaho ty hankàñe. 16 Ami'ty andiliako azo androany ty hikokoa'o t'IEHOVÀ Andri-
anañahare'o: ty hañaveloa'o o lala'eo, ty hambena'o o lili'eo naho o fañè'eo naho o
fepe'eo, soa t'ie ho veloñe naho hanaranake vaho hitahy azo amy tane andena'o ho
tavane'oy t'IEHOVÀ Andriananañahare'o. 17 Fa naho mitolike ty arofo'o tsy hijanjiñe, ie
hisitake hitalaho amo ndrahare ila'eo, hitoroñe iereo; 18 le taroñeko ama'o androany
t'ie toe hihomake, tsy ho lava-haveloñe amy tane itsaha'o Iardeney hionjona'o mb'eo
hitavana'o azey.

19 Aa le koiheko henaneo te ho valolombeloñe hanisý anahareo i likerañey naho
ty tane toy naho apoko añatrefa' areo ty haveloñe naho ty fihomahañe, ty tata naho
ty fatse; aa le joboño ty haveloñe, soa te ho velon-drehe naho o tarira'oo; 20 kokò
t'IEHOVÀ Andriananañahare'o, tsatsiho i fiarañanaña'ey, hipiteha'o, fa zay ro havelo'o
naho halava-havelo'o, soa te himoneña'o i tane nifantà' IEHOVÀ aman-droae'o, amy
Avrahame naho Ietsàke vaho Iakobe, hatolo'e iareoy.

# 31

1 Nimb'eo amy zao t'i Mosè, ninday o saontsy zao am' Israele iaby. 2 Le hoe re
am' iareo, Zato tsy roapolo taoñe androany raho; aa tsy lefeko ka ty miakatse naho
ty mimoake; vaho fa nanoe' IEHOVÀ ty hoe: Tsy hitsake Iardeney rehe. 3 IEHOVÀ
Andriananañahare'o ty hitsak' aolo, ie ro handrotsake o rofoko iabio añatrefa'o, le ihe
ty hitavañe iareo ho fanaña'o; vaho Iehosoa ty hitsak' aolo amy tsinara' IEHOVÀy. 4 Le
hanoe' IEHOVÀ am' iereo hambañe amy nanoe'e amy Sihone naho i Oge mpanjaka'
o nte-Amoreo vaho amo tane' iareoo, ie nandrotsak' iareo. 5 Le hasese' IEHOVÀ
ama' areo, vaho hanoe' areo ama'e ze hene lily nandiliako. 6 Aa le mihaozara,
naho mavitriha, ko mihakahaka naho ko ihembaña'o amy te hindre ama'o t'IEHOVÀ
Andriananañahare'o, tsy hado'e rehe vaho tsy haforintse'e.

7 Kinoi' i Mosè t'Iehosoa vaho nanoe'e ty hoe am-pahaisaha' Israele iaby:
Mihafatrara naho mahasibeha, amy te tsy mete tsy hindreza'o lia ondaty retiañe
mb'an-tane nifantà' IEHOVÀ aman-droae' iareo hatolo'e iareo, le ihe ty hampandova
iareo aze. 8 Hiaolo azo t'IEHOVÀ; ie ty hindre ama'o, tsy hilesa ama'o, naho tsy ho
farie'e, aa le ko hemban-drehe, ko miroreke.

9 Sinoki' i Mosè ty Hake toy le natolo'e amo mpisoroñe nte-Levy mpinday i vatam-
pañina' IEHOVÀio, vaho amo hene androanavi' Israeleo. 10 Le hoe ty nandilia' i
Mosè am'iareo, ie peake ze taom-paha-fito, amy andro namantañañe amy taom-
pamotsorañeiy, amy sabadidan-tsokemitrahay, 11 ie miheo mb' añatrefa' IEHOVÀ
Andriananañahare'oy mb'amy toetse ho joboñe'ey mb'eo t'Israele iaby, le ho vakie'o
añatrefa' Israele iaby am-pijanjiña' iareo ty Hake toy. 12 Atontono ondatio, o
lahilahio naho o rakembao naho o keleiañeo naho i renetane an-drova'oy, hijanjiña'
iareo, handrendreke naho hañeveñe am' IEHOVÀ Andriananañahare' areo vaho hene
hambena' iareo orike o enta' ty Hake toio. 13 Le hitsanoñe naho hioha' o amori' iareo
mboe tsy mahilalao ty hañeveñe am' IEHOVÀ Andriananañahare' areo, amo andro iaby
hiveloma' areo an-tane hitsaha' areo Iardeney hitavana' areoo.

14 Le hoe t'IEHOVÀ amy Mosè: Ingo, mitotoke ty andro tsy mete tsy hivetraha'o;
kanjio t'Iehosoa vaho miatrefa amy kibohom-pamantañañey nahareo hamantohako
aze. Aa le nimb'eo t'i Mosè naho Iehosoa, niatreke i kibohom-pivoriy; 15 le niboak'
amy kivohoy t'IEHOVÀ am-po' ty rahoñe mijoala ao, le nijohañe ambone' i lalan-
kibohom-pamantañañey i rahoñe mijoalay.

16 Le hoe t’IEHOVÀ amy Mosè: Ingo, hitrao-pihity aman-droae’o ao rehe fe hiongake
hañarapilo aman-drahare ankafankafa’ i taney ondaty retiañe, ie homb’eo hiharo
am’ iereo ao, naho hienga ahy vaho hifotetse amy fañinako nanoeko am’ iereoy.
17 Le hisolebotse am’iereo amy andro zay ty habosehako, le haforintseko, vaho
haetako am’iereo ty tareheko; havoremboreñe iereo, hisamboria’ ty hekoheko naho
ty hankàñe maro, soa te hanao ty hoe iereo amy andro zay: Hera, ie tsy mindre
aman-tika t’i Andrianañaharentika, ty mampidoñe o hankàñeo aman-tikañe? 18 Fe
toe haetako amy andro zay ty tareheko amo fonga haleorañe nanoe’ iereo ami’ty
fitoliha’ iareo mb’an-drahare ila’eo.
19 Aa le sokiro ho anahareo ty sabo toy vaho anaro o ana-Israeleo: ajoño am-palie’
iareo ao soa te ho valolombeloko hanisìañe o ana’ Israeleo ty sabo toy. 20 Amy te, ie
fa naseseko mb’an-tane nifantàko aman-droae’e mb’eo, i orikorihen-dronono naho
tanteley; le ie fa nikama naho ànjañe mbore fa sometsètse le hitolik’ aman’ drahare
ila’e, hitoroñe iareo naho hañinje ahy, vaho hifotetse amy fañinakoy. 21 Ie amy zay,
naho fa nañangaran-kankàñe naho hekoheko, le hitaron-tsisý am’ iareo ty sabo toy
ho valolombeloñe; (amy te tsy handikofa’ ty falie’ o tarira’ iareoo), fa apotako ty
fikililian-tro’ iareo ie mikitrok’ ama’e ao henanekeo, aolo’ ty aneseako iareo an-tane
nifantàkoy.
22 Aa le sinoki’ i Mosè amy andro zay ty sabo toy, vaho nanare’e o ana’ Israeleo.
23 Le nafanto’e am’ Iehosoa ana’ i None ty hoe: Mihafatrara naho mahasibeha amy te
ihe ro hinday o ana’Israeleo mb’an-tane nifantàko am’ iareo mb’eo vaho hañimb’azo
raho.
24 Aa ie nifonire’ i Mosè ty nanokire’e am-boke o enta’ ty Hake toio t’ie nigadoñe,
25 le nililie’ i Mosè o nte-Levy mpitarazo i vatam-pañina’ IEHOVÀio ty hoe: 26 Rambeso
ty Boke Hake toy vaho apoho añ’ila’ i vatam-pañina’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areoy
ao, soa t’ie ho valolombeloñe ama’o. 27 Amy te fantako ty fiolà’o, naho ty hagàm-
pititia’o; heheke, ndra te zaho veloñe ama’ areo atoy henanekeo, le fa miola am’
IEHOVÀ nahareo, àntsake t’ie fa nikenkañe. 28 Atontono amako ze hene androanavim-
pifokoa’ areo naho o mpifehe’ areoo, ho taroñeko an-dravembia’ iareo ao o tsara
retiañe hikanjiako i likerañey naho ty tane toy hanisý iareo. 29 Amy te apotako t’ie
fa nikenkañe le ho vorahe’ ty halò-tsereke, naho hivìke amy lalañe liniliko azoy
vaho hankàñe ty hizò anahareo amo andro añeo, ami’ty haratiañe hanoe’ areo am-
pivazohoa’ IEHOVÀ, hikaiha’ areo ty haviñera’e ty amo satam-pità’ areoo.
30 Aa le nisaontsie’ i Mosè an-dravembia’ i valobohò’ Israeley o tsara’ o sabo zaoo
am-para’ te nigadoñe. Anokilaño ravembia ry likerañeo, le hivolan-draho;

# 32

Janjiño ry tane toy o entam-bavakoo.
2 Ee te himiamia manahake ty fiavi’ i orañey o tarokoo,
le hitsopatsopake hoe zono o rehakoo, hambañe ami’ty fimitemiteha’e amo ahetseo
naho ty finiziniziha’e amo rongoñeo.
3 Fa ho tseizeko ty tahina’ IEHOVÀ,
onjono ty hara’elahi’
i Andrianañaharen-tikañey.
4 I Lamilamiy: Fiaintane o fitoloña’eo,
hene marentane o lala’eo:
Andrianañahare migahiñe tsy aman-tahy,
vañoñe naho vantañe.
5 Fa nanoa’iareo hamengohañe,
toe tsy ana’e ty amy hila’ iareo,
ty tariratse vìlañe naho mengoke tia.

6 Zay hao ty añavaha' areo am' IEHOVÀ ry dagola, ry ondaty tsi-mahilalao? tsy ie hao ty Rae'o nivily azo?
Tsy ie hao ty nitsene azo,
vaho nañoreñ' azo?
7 Tiahio o andro haehaeo;
haraharao o taon-tariratse tsi-efao,
añontaneo aman-drae'o hanoroa'e,
naho aman-androanavi'o hitaroña'iareo.
8 Ie zinara' i Andindimoneñey amo rofokoo ty lova' iareo;
naho naparaita'e o ana' i Dameo,
le nefetsefere'e
ty ami'ty ia' o ana' Israeleo.
9 Fa anjara' IEHOVÀ ondati'eo;
Iakobe ro anjara' lova'e.
10 Nifanendrek'ama'e an-diolio añe re,
am-babangoañe mangoañe mangolalaik' ao;
nohoñe'e naho niatrak'aze,
nambena'e hoe t'ie saintem-pihaino'e*.
11 Hoe vantio mitsobore ty traño'e,
mihefahefa ambone' o ana'eo,
akopakopa'e o ela'eo,
vaho rambese'e añ'ela'eo,
12 IEHOVÀ avao ty niaolo aze,
ie tsy ama'ndrahare ila'e.
13 Nampijoñe'e ambonen-kaboa'
ty tane toy,
le nihinana'e ty voka' o tetekeo;
nampininihe'e tantele an-tevañe ao,
naho menake am-bato-paik' ao;
14 Habobon'añombe naho rononon'ose,
ty safom-bik' añondry,
le ty kobatron- dia-rain-tirim-Basaneo,
o ose-lahio reketse
ty safom-boam-bare-bolè;
aman-diom-baloboke
ty ninoma'o divay mamore.
15 Fe niha-vondrake t'Iesorone†
le nikambia; niha-vondrake rehe,
niha-mateve, vaho nisometsètse;
napo'e t'i Andrianañahare nitsene aze,
namoea'e i Lamilamim-pandrombahañ'azey.
16 Nitrabihe' iareo, hamarahia'e
o 'ndrahare ila'eo,
nanikisiky aze an-draha tiva.
17 Nisoroña' iereo amo kokolampao,
amo ndrahare tsi'ieo
'ndrahare tsy nifohi' iareo,
'ndrahare vaho niboak' aniany
tsy nampañeveñe an-droae' areo.
18 Namoea'o ty Lamilamy nampiareñe azo,
nandikofa'o t'i Andrianañahare niolakolak' am-pitsongoañe azo.

* **32:10** Zek 2:8 † **32:15** Iesorone: Tahina rai' Israely

19 Ie nivazohoe’ IEHOVÀ, le niambohoa’e,
ami’ty fanigiha’ o ana-dahi’eo
naho o anak’ampela’eo.
20 Le hoe re: Haetako am’ iereo ty tareheko,
ho treako ty fimodoa’ iareo,
fa tariratse mengoke, ajaja tsy atokisañe.
21 Nampamarahy ahiko iereo,
amo ‘ndrahare tsie’eo;
sigi’ iareo amo samposampon-drahao ty habosehako
aa le hampamarahieko ondati-tsie iereo;
hampisigiheko foko mengoke.
22 Afo misolebotse ty an-doakoroko ao,
mamorototo pak’ an-tsikeokeom-paha-sive ao,
ampangotomomohe’e ty tane toy
naho o vorohota’eo,
ampirehete’e o faham-bohitseo.
23 Hañoboñako hekoheko,
Ho kapaiheko am’ iereo o ana-palekoo.
24 Ho sihe’ ty halimpoañe iereo,
habotse’ ty lel-afo;
naho ty harotsahañe mafaitse.
Hiraheko ama’e ty famotsim-biby,
ty vorehe’ o milaly an-debokeo.
25 Hampandala ty fibara o alafe’eo,
firevendreveñañe ty añate ao
songa zamane’e ty ajalahy
naho ty tomoenono, ty anak’ajaja,
vaho ty androanavy ama-maroi-foty.
26 Nataoko ho nampimodoeko,
vaho ho najiheko am’ondatio
ty faniahiañe iareo.
27 Fe nimahimahiñeko
ty fiforoforon-drafelahi’e,
hera ho hafa hente o malaiñe iareoo,
kera hanao ty hoe:
Ty fità’ay ro abo, fa tsy:
IEHOVÀ ty nanao ie iaby zao.
28 Fifeheañe po-anatse iereo,
toe ondaty po-faharendrehañe.
29 Ee t’ie ho nahihitse,
soa te ho naharendreke,
le ho nitsikarahe’iareo ty figadoña’e.
30 Akore ty hañinjafa’ ty raike ty arivo, ty hampivoratsahe’ ty roe ty aman’ale’e, naho
tsy naleta’ i Lamilami’ iareoy, naho tsy IEHOVÀ ty nanese iereo?
31 Toe tsy i Lamilami’aiy ty vato’ iareo,
ndra o rafelahi’aio ro mahatsikarake zay.
32 Boak’ am-bahe’ i Sedome ty vahe’ iareo,
boak’an-tete’ i Amorà ao;
valòbok’ afero ty valòbo’ iareo, mafaitse ty angaroza’ iareo;
33 vorem-pañaneñe ty divai’ iareo
ty voren-kankàm-pandrefeala.

34 Tsy mihaja amako ao hao zao?
he mihily an-korojiko ao?
35 Ahiko o vale-fateo naho ty avake;
mbe hibolatitse o fandia' iareoo,
fa antitotse ty andron-kankà' iareo,
vaho malisa ty fihelaña' o hifetsak' am'iereoo.
36 IEHOVÀ ty hizaka ondati'eo
le hiferenaiña'e o mpitoro'eo
ie vazoho'e te ritse ty haozara'e
naho tsy aman-tsehanga'e,
ke ty mirohy he ty midada;
37 Le hanao ty hoe re:
Aia o ndrahare' iareoo,
i vato niatoa' iareoy?
38 Ia ty nilintseñe ty safom-pisoroña' iareo,
naho nigenoke ty divain-enga rano'e?
angao hitroatse iereo hañolora'e anahareo.
Apoho re ho fitsoloha' iareo.
39 Inao te zaho, zaho avao ro ie,
tsy ama' ndrahare hatovoñ'ahy:
zaho ty mamono, zaho ty mameloñe;
mandratse raho le mañamelañe;
tsy eo ty mahasintoñe ty an-tañako.
40 Aonjoko mb'andikerañe ey ty tañako
manao ty hoe, veloñe nainai'e raho.
41 Ie sioñeko i fibarako mipelatsey,
naho mandrambe zaka ty tañako;
le ho valeako o rafelahikoo,
vaho hondroheko o malaiñ' Ahikoo.
42 Ho mamoeko an-dio o ana-palekoo,
le hamotseke nofotse ty fibarako;
ty lio' o zinamañeo naho o an-drohio;
boak' an-doha miogogo'
o mpiaolo' i rafelahiio.
43 Ipoñafo sabo ondati'eo, ry kilakila ondaty,
fa ho valea'e fate ty lio' o mpitoro'eo,
le havaha'e an-keloke o rafelahi'eo,
vaho ho jebañe'e ty tane ondati'eo.

44 Nimb'eo amy zao t'i Mosè vaho hene nisaontsie'e an-tsabo an-dravembia' ondatio
i tsara zay, ie naho Iehosoa ana' i None. 45 Aa ie nagado' i Mosè i hene fitaroña'e
am' Israele rezay, 46 le hoe re am' iereo: Fonga faharo añ' arofo' areo ao ze tsara
taroñeko androany, le ampañambeno o amori' areoo o hene enta' ty Hake toio,
hañorike ze hene tsara amy Hake ao. 47 Ko atao' areo ho tsara kafoake ama' areo,
amy t'ie o havelo' areoo, le ama'e ty hahalava andro anahareo amy tane añaveloa'
areo ampitsahañe Iardeney hitavana' areoy.

48 Le hoe ty nitsara' IEHOVÀ amy Mosè amy andro zay. 49 Mañambonea mb'am-
bohitse Avarime mb'eo pak' am-bohi-Nebo an-tane' i Moabe tandrife Ieriko añe; le
isaho ty tane' Kanàne atoloko amo ana' Israeleo ho fanañañe; 50 le mihomaha amy
vohitse itroara'oy, hitontona'o am'ondati'oo, hambañe ami'ty nivetraha' i Aharone,
rahalahi'o e Hore añe vaho nifanontoñe am'ondati'eo; 51 amy t'ie nandilatse amako
añivo' o ana' Israeleo an-drano' i Meribà-Kadese eo, an-dratraratra' i Zine añe; zaho

tsy navahe'o añivo' o ana' Israeleo. 52 Ho talake'o eñe i taney, fe tsy homba'o o tane
atoloko amo ana' Israeleoo.

# 33

1 Intoy ty tata nitata' i Mosè, androanavin' Añahare, o ana' Israeleo aolo' ty
nihomaha'e. 2 Hoe re,
Nihirike Sinay t'IEHOVÀ
nanjirik' am' iereo boak' e Seire, nitsavavake boak'am-Bohi-Parane,
nimb' atoy mitraok' aman' aleale o noro'eo;
am-pità'e havana ty lilin-afo ho a iareo.
3 Eka, kokoa'e ondatio, o masi'e iabio—
le am-pità'o iereo
miambesatse am-pandia'o eo,
mininike o tsara'oo,
4 Nitaroñe' i Mosè aman' tika ty Hake,
ho lova' ty valobohò' Iakòbe.
5 Ie ty ni-mpanjaka' Iesorone,
te nivory ty mpiaolo' ondatio,
rekets' o fifokoa' Israeleo.
6 Ee te ho veloñe t'i Reobene
le tsy hihomake,
vaho tsy ho tsi-ampe ondati'eo.
7 Le hoe re ty am' Iehoda:
Janjiño ry IEHOVÀ,
ty fiarañanaña' Iehoda,
endeso mb'am' ondati'eo mb'eo.
Hitoloñe aze o fità'eo,
le Ihe ty hañolots'aze amo rafelahi'eo.
8 Le hoe re ty amy Levy:
Ee te ho amy Masi'oy
ty Tomime'o naho ty Orime'o;
i niventea'o e Masà naho
nitsohe'o an-drano' i Meribày;
9 hoe re ty aman-drae'e naho i rene'e:
'Amoeako.'
tsy nihaoñe'e o roahalahi'eo,
nialik'ama'e o ana'eo;
amy te norihe'e o tsara'oo
vaho nambena'e i fañina'oy.
10 Hanare' iereo am'Iakobe o lili'oo,
naho am'Israele i Tsara'oy;
le hapo' iareo añatrefa'o eo ty emboke, naho soroñe añoñe an-kitreli'o eo.
11 O ry IEHOVÀ, tahio ty fijangana'e
naho ty fitoloñam-pità'e,
fofoho am-baniañe o miatreatre azeo,
naho o malaiñe azeo,
tsy hitroara' iareo ka.
12 Le hoe re ty amy Beniamine,
Himoneñe añ'ila'e eo am-pierañerañañe
i kokoa' IEHOVÀy;
saroña'e lomoñandro,
ie mimoneñe añivo' o soro'eo.

13 Le hoe re ty am’ Iosefe:
Ho tahie’ IEHOVÀ ty tane’e,
amo vara’ fanjàka’ i likerañeio, i mikay,
amy laleke mitrokotroko ambane’ey,
14 naho amo fivokara talango’ i àndroio, naho amo lengo’e banabanae’ i volañeio,
15 naho amo hatsomerentsere’ o vohitse haehaeoo,
amo vara fanjàka’ o tamboho hatrela’eoo;
16 naho amo harea’ ty tane toy
amy halifora’eio,
naho amy fatariha’
i nimoneñe an-drongoñe aoiy,
ho tata ami’ty añ’ambone’ Iosefe, ambone’ ty añambone’ i miambak’ amo roandriandroahalahi’eo.
17 Añombelahy ty valohan’ ana’e,
volonahetse ty aze;
tsifan-drimo o tsifa’eo,
ama’e ty handronjeronjea’e ondaty iabio sikal’añ’olo-ty tane toy,
ie o aleale’ i Efraimeo,
naho o arivo-arivo’ i Menasèo.
18 Le hoe re ty amy Zebolone:
Mirebeha ry Zebolone, amo fionjona’oo
naho ry Isakhare, amo kiboho’oo.
19 Ho koihe’ iareo
homb’ amy haboañey mb’eo ondatio,
eo ro hañenga’ iareo soron-kavañonañe;
fa ho karae’ iareo ty havokara’ o riakeo,
naho ty vara mikafitse am-paseñe ao.
20 Le hoe re ty amy Gade,
Soa tata ty mampitratrañake ty a i Gade;
hoe liona ty imoneña’e,
rimite’e ty fitàñe naho ty hevo.
21 Rinambe’e ho aze ty anjara valoha’e;
Fa tao ty nañajañe ty anjaram-pandily.
Naho nivory ty mpiaolo’ ondatio
le ie ty nitoloñe ty zaka-to’ IEHOVÀ,
naho o fepe’eo am’ Israele.
22 Le hoe re ty amy Dane,
anan-diona t’i Dane,
mitsamboañe boak’e Basane añe.
23 Le hoe re ty amy Naftalý,
O Naftalý: Ihe ene-pañisohañeo,
atsake ty fitahia’ IEHOVÀ,
lovao i riakey naho ty atimo.
24 Le hoe re ty amy Asere,
soa-tata te amy ze atao anake t’i Asere,
hisohe’ o rahalahi’eo;
hajo’e an-tsolik’ ao ty fandia’e.
25 Viñe naho torisìke ty ho sikada’o,
vaho hañeneke o andro’oo ty haozara’o.
26 Tsy añohatse t’i Andrianañahare,
ry Iesorone,

i miningitse andikerañey hañolora'e,
naho amo rahoñeo am-bolonahe'e.
27 Fitsolohañe t'i Andrianañahare Haehae,
ambane eo o fitàñe nainai'eo.
Hasio'e aolo'o mb'eo o rafelahi'oo
le hanao ty hoe, 'Arotsaho,'
28 Mimoneñe am-bangiñe soa'aro ao t'Israele,
miereñereñe ty rano manganahana' Iakobe, an-tanen-tsako naho divay vao;
eka, mampitsopatsopa-jono ama'e o andindi'ey.
29 Haha rehe ry Israele,
ia ty mañirinkiriñe azo?
Ondaty rinomba' IEHOVÀ,
ty Fikalan-defo-pañoloràñe azo,
naho ty Fibara-pisengea'o,
le hitsilofìñe aolo'o ao o rafelahi'oo,
vaho ho lialià'o iaby o toets-abo' iareoo.

# 34

*Ty Havilasi' i Mosè*

1 Niañambone ty vohi-Nìbo amy zao t'i Mosè, boak' an-tanemira' i Moabe pak'
antiotio' i Pisgà, tandrife Ieriko; vaho natoro' IEHOVÀ aze i hene taney—boake Gilade
pake Dane; 2 le i Naftalý iaby, naho ty tane' i Efraime, naho ty a i Menasè, naho
ze hene tane' Iehoda pak' amy riak' ahandrefañey 3 naho i Atimoy, naho ty tane
pisak' am-bavatane' Ieriko ey, i rovan-tsatrañey pake Tsoare. 4 Le hoe t'IEHOVÀ ama'e,
Ingo ty tane nifantàko amy Avrahame naho am' Ietsàke naho am' Iakobe ami'ty hoe,
Hatoloko amo tarira'oo; nampahaisahako azo am-pihaino'o f'ie tsy hitsake mb'eo.
5 Aa le nihomak' an-tane Moabe eo t'i Mosè, mpitoro' IEHOVÀ ami'ty tsara' IEHOVÀ;
6 vaho nalente'e am-bavatane an-tane' i Moabe tandrife i Bet'peore ao, fe tsy fohi'
ondaty pake henane i kibori'ey.
7 Zato-tsi-roapolo-taoñe t'i Mosè te nihorogodoboke, tsy nirombitse o fihaino'eo,
vaho tsy niketrake ty haozara'e. 8 Nandala aze telo-polo andro an-tanemira' i Moabe
eo o ana' Israeleo, am' para' te niritse o andro firovetañe naho fandalàñeo.
9 Nilifotse ty arofon-kihitse t'Iehosoa ana' i None; ami'ty nanampeza' i Mosè fitàñe,
le nitsendreñe aze o ana' Israeleo, vaho nanoe' iareo ze nandilia' IEHOVÀ i Mosè.
10 Ampara' izay tsy teo ty mpitoky nitroatse e Israele ao nañirinkiriñe i Mosè, ie
niarofoana' IEHOVÀ am-piatrefan-daharañe, 11 amo hene viloñe naho raha tsitantane
nañiraha' IEHOVÀ aze hanoe'e an-tane Mitsraime ao amy Paro naho amo mpitoro'e
iabio vaho amy hene tane'ey; 12 am-pitàñe ra'elahy an-kaozarañe naho amy
fampangetraketrahañe folo'ay naboa' i Mosè am-pahaisaha' o ana' Israele iabioy.

# Iehosoa

1 Ie añe te nihomake t'i Mosè mpitoro' IEHOVÀ, le nitsara am' Iehosoa* ana' i None†,
mpitoro' i Mosè, t'IEHOVÀ, ami'ty hoe: 2 Fa vilasy t'i Mosè mpitoroko; aa le miongaha,
itsaho Iardeney‡, ihe naho ze hene ondaty retiañe, mb' an-tane atoloko iareo, toe ho
amo ana' Israeleo; 3 fa natoloko anahareo ze toetse lian-delam-pandia' areo, ty amy
asako amy Mosèy. 4 Mifototse am-patrambey añe miharo amy Lebanone§ etia, pak'
amy saka beiy, i Peratey*, naho ze hene tanen-te-Kète†, pak' amy Riake beiy, mb' amy
firoña' i àndroy añey ty ho efe-tane' areo.
5 Leo raike t'indaty tsy hiongake hiatrek' azo amo hene andro hiveloma'oo;
manahake ty nindrezako amy Mosè ty hindrezako ama'o; tsy hilesa ama'o raho,
tsy haforintseko ka. 6 Mihafatrara vaho mahasibeha; fa ihe ty hampandova ondaty
retoañe i tane nifantàko aman-droae' iareo hatoloko iareoy. 7 Aa le mihaozara
naho mahavania, hañambeñe naho hañorike i Tsara iaby linili' i Mosè mpitoroko
azoy; ko mitolike mb' am-pitàn-kavana ndra havia, soa te hiraorao ndra aia' aia ty
homba'o. 8 Tsy hienga am-palie'o ty Boke Hake toy, ie haereñere'o handro naho
haleñe, hañambeñe naho hanao ze hene misokitse ao; le hiraorao o sata'oo, vaho
haharongatse. 9 Aa vaho tsy liniliko hao? Mihafatrara naho mahasibeha; ko hemban-
drehe ko miroreke: fa ama'o t'IEHOVÀ Andrianañahare'o ndra aia'aia ty homba'o.
10 Aa le linili' Iehosoa o mpiaolo' ondatio ami'ty hoe: 11 Mirangà anteñateña' i
tobey mb'eo le afantoho ondatio ami'ty hoe: Mañalankaña fivatiañe, fa hitsake
Iardeney nahareo añate' ty telo andro, himoak' amy taney, hitavañe ze natolo'
IEHOVÀ Andrianañahare' areo ho fanañañe.
12 Le nisaontsy amo nte-Reobeneo‡ naho amo nte-Gadeo naho amo vakin-te
Menasèo t'Iehosoa ami'ty hoe: 13 Tiahio i tsara linili' i Mosè mpitoro' IEHOVÀ
anahareoy, ami'ty hoe: Manolotse fitofàñe ama' areo t'IEHOVÀ Andrianañahare'
areo vaho hatolo'e ama' areo o tane atoio. 14 Hitobok' an-tane natolo' i Mosè
anahareo alafe' Iardeney atoy o vali' areoo naho o keleia' areoo naho o añombe'
areoo, f'ie hitsak' aolo' o rahalahi' areoo reke-pialiañe, songa fanalolahy maozatse
hañolorañe iareo; 15 ampara' te hampitofà' IEHOVÀ o rahalahi' areoo, manahake ty
nanoa'e anahareo, ie fa tinava' iareo ka i tane nitolora' IEHOVÀ Andrianañahare'
areo; le himpoly an-tane fanaña' areo atoa nahareo vaho ho tavane' areo i natolo'
i Mosè mpitoro' IEHOVÀ anahareo alafe' Iardeney atoa mb'am-panjirihan' andro
añe. 16 Tinoi' iareo ami'ty hoe t'Iehosoa: Hene hanoe'ay ze nandilia'o anay vaho
hañaveloa'ay ndra aia aia ty añiraha'o. 17 Manahake ty nañaoña'ay amy Mosè amy
ze he'e, ty hañaoña'ay azo naho indreza' IEHOVÀ Andrianañahare'o hambañe amy
nindreza'e amy Mosèy. 18 Aa ndra ia'ia ty hiola amy andilia'oy, tsy hañaoñe ze hene
saontsy amantoha'o aze, le havetrake, f'ihe mihaozara vaho mahasibeha.

## 2

1 Nirahe'Iehosoa ana' i None, boake Sitime aman' etake ty mpitingañe, ami'ty hoe:
Akia, tiliho i taney naho Ierikò. Aa le nienga mb'eo iereo naho nivotrak' añ' anjomba'
ty karapilo atao Rakabe, vaho nandre ao. 2 Sinaontsy amy mpanjaka' Ierikooy, ty
hoe: Inao pok' atoy amo haleñe zao ty boak' amo ana' Israeleo hitsoetsoek' an-tane
atoy. 3 Aa le nañirak' amy Rakabe ty mpanjaka' Ieriko, nanao ty hoe: Akaro ondaty

---

* 1:1 Iehosoa: Mpandrombake † 1:1 None: tariratse; fia; nainaie tsy modo ‡ 1:2 Iardene: Sakam-pizakañe
§ 1:4 Lebanone: rame foty * 1:4 Perate: Sakabey: mahavokatse; mitotsake † 1:4 Kete: i folakey; i
mirevendreveñey ‡ 1:12 Reobene: ty fahaoniñañe i anakey

nimb’ama’o mb’eoo, o nimoak’ an-traño’oo, ie te hifilo an-tane atoy ty niziliha’ iareo
atoa. 4 Fe nendese’ i rakembay indaty roe rey naho naeta’e, aa le nanoe’e ty hoe:
Eka, nimb’ amako atoy ondatio, fa nofiko ty nihirifa’ iareo; 5 ie amy fandrindriñañe
i lalam-beiy naho fa nimaieñe, le niavotse indaty rey; fe tsy apotako ty nomba’
indaty rey; horidaño aniany le ho trà’ areo. 6 Toe nendese’e an-tafo traño vaho
naeta’e an-tahon-dène ao, o fa nalafi’e an-tafoo. 7 Aa le hinorida’ ondatio mb’an-
dala’ Iardeney mb’eo pak’amo fitsahañeo añe; ie vata’e niènga o nañoridañeo, le
narindriñe i lalam-beiy. 8 Aa ie mbe tsy nandre iareo le nanganike mb’ am’ iereo
an-tafo mb’eo; 9 le hoe re am’indaty rey: Fantako te natolo’ IEHOVÀ ama’ areo o
taneo, fa nidok’ ama’ay ty firevendreveñañe ama’areo vaho mitsolofiñe aolo’ areo
ze fonga mpimoneñe an-tane atoy. 10 Fa jinanji’ay te nimaihe’ IEHOVÀ aolo’ areo i
Ria-Binday, amy niavota’ areo amy Mitsaraimey; naho i nanoe’ areo amy mpanjaka
roe nte-Amore*, alafe’ Iardeney añe reiy, i Sihone naho i Oge, ie vata’e narotsa’
areo. 11 Ie nahajanjiñe zay le nitranake o tro’aio, leo ondaty raike tsy aman-joton’
arofo ty ama’ areo amy te toe Andrianañahare andikerañe ambone ao naho an-tane
ambane atoy t’IEHOVÀ Andrianañahare’ areo. 12 Aa le miambane ama’ areo, mifantà
amako añam’ IEHOVÀ, kanao nitretrèzeko, le ho tretreze’ areo ka ty akiban-draeko—
ehe anoloro antoke-to— 13 te havotso’ areo ho veloñe ty raeko naho i reneko naho o
rahalahikoo naho o rahavavekoo naho o vara’ iareo iabio vaho ho hahà’ areo ty fiai’ay
tsy hivetrake. 14 Le hoe indaty rey ama’e, Hasolo ty fiai’areo ty anay, naho tsy talilie’
areo o fitoloña’aio; ie amy zao, naho atolo’ IEHOVÀ anay o taneo, le hatarik’ ama’o
an-kavañonan-jahay. 15 Aa le nazotso’e an-taly amy lafinetiy iereo; amy te añate’ i
kijoliy ty anjomba’e, fa ambone’ i rindriñey ty nitoboha’e. 16 Le hoe re am’ iereo, Akia
mb’ an-kaboam-b’eo, tsy mone hifanalaka ama’ areo o mpañoridañeo, naho mietaha
añe telo andro, ampara’ te mitampoly o mpañotrokeo; zay vaho hañavelo mb’eo
nahareo. 17 Aa hoe ondatio ama’e, Ho haha amy fanta nampifantà’o anaiy zahay,
18 naho tsy arohi’o amy lafinety nanjotsoa’o anaiy ty fole mena toy, t’ie mimoak’ an-
tane atoy; le hendese’o añ’akiba’o ao ty rae’o naho i rene’o naho o longo’oo vaho
o anjomban-drae’o iabio. 19 Ie amy zao, ze hiakatse o lalan’ anjomba’oo mb’ an-
damoke mb’eo, le ho an-doha’e ty lio’e, vaho ho afa-kakeo zahay; f’ie hitraok’ ama’o
amy akibay ao, le ho an-doha’ay ty lio ze paohem-pitàñe. 20 Aa naho saontsie’o o
fitoloña’ay zao, le halio-tahin-jahay amy fanta nampititihe’o anaiy. 21 Le hoe re: O
saontsi’ areoo ro ie. Nirahe’e mb’eo le niavotse iereo vaho narohi’e amy lafineti’ey i
fole menay. 22 Ie nañavelo, le nipok’ am-bohitsey vaho nañialo ao telo andro, ampara’
te nitampoly o mpañotrokeo; tsinoetsoe’ o mpañoridañeo mb’eo mb’eo amy lalañey
fe tsy nahaisake. 23 Aa le niavotse indaty rey, nizotso boak’ am-bohibohitse ao, le
nitsake, naho niheo mb’am’ Iehosoa ana’ i None mb’eo, vaho nitalily i nifetsak’ ama’
iareoy. 24 Le hoe ty asa’ iareo am’ Iehosoa: Toe natolo’ IEHOVÀ am-pitàn-tikañe i tane
iabiy vaho mitsolofiñe aolon-tikañe ze hene mpimoneñe amy taney.

# 3

1 Nañaleñale t’Iehosoa te nitroatse, le nienga i Sitime rekets’ o ana’ Israele iabio
naho niheo mb’am’ Iardeney mb’eo, vaho nitobe eo aolo’ t’ie hitsake. 2 Ie nimodo
ty telo andro, le nimb’eo mb’eo amy tobey o mpiaoloo; 3 naho linili’ iareo ondatio
ami’ty hoe: Naho oni’ areo i vatam-pañina’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areoy, naho
o mpisoroñe nte-Levy mitarazo azeo, le miavota an-toe’o, vaho oriho. 4 Fe engao
heba’e mizehe kiho ro’arivo varañe añivo’ areo naho ie, ko harinea’ areo, soa te
ho fohi’ areo ty lalan-komba’ areo; fa mboe tsy niary mb’ atoy nahareo. 5 Le hoe
t’Iehosoa am’ ondatio: Miefera fa hanao raha tsitantane añivo’ areo ao t’IEHOVÀ

* 2:10 Amore: mafaitse; mpiola; mpidabadoa

hamaray. 6 Nisaontsy amo mpisoroñeo t'Iehosoa ami'ty hoe: Rambeso i vatam-
pañinay le mitsàha aolo ondatio. Rinambe' iereo i vatam-pañinay vaho nimb' aolo
ondatio mb'eo.
7 Le hoe t'IEHOVÀ am' Iehosoa, Hiorotse hampionjoñe azo ampahaoniña' Israele
iaby raho te anito, hahafohina' iareo te, manahake ty nindrezako amy Mosè ty
hindrezako ama'o. 8 Aa le afantoho o mpisoroñe mitarazo i vatam-pañinaio, ami'ty
hoe: Ie tsatok' añ'olon-drano' Iardeney le mijohaña am' Iardeney. 9 Le hoe t'Iehosoa
amo ana' Israeleo: Mb'etoa hijanjiñe ty tsara' IEHOVÀ Andrianañahare' areo. 10 Le
hoe t'Iehosoa: Ho fohi' areo henane zao te añivo' areo ao t'i Andrianañahare veloñe
le tsy mete tsy roahe'e aolo' areo mb'eo o nte-Kanàneo, naho o nte Kiteo, naho
o nte-Kiveo, naho o nte-Perizeo, naho o nte-Girgasio, naho o nte-Amoreo vaho o
nte-Iebosio. 11 Hehe te mitsak' aolo' areo mb' am' Iardeney ty vatam-pañina' i
Talè' ty tane toy iaby. 12 Aa le joboño ondaty folo-ro' amby boak' amy fifokoa'
Israele rey, songa ondaty raike i fifokoañe rey. 13 Amy te, ie mijohañe an-drano'
Iardeney ty lelam-pandia' o mpisoroñe mitarazo i vatam-pañina' IEHOVÀ, Talè' ty
tane bey toiio, le ho tampake ty rano' Iardeney vaho hivotry ho haboañe o rano
mikararake boak' ambone añeo. 14 Aa naho niavotse an-kiboho'e ondatio hitsake
Iardeney, le aolo ondatio o mpisoroñe nitarazo i vatam-pañinaio, 15 le vata'e nivotrak'
añ' olo-drano' Iardeney ty fandia' o mpitarazo i vatam-pañinaio—toe manganahana
añ'olo' Iardeney iaby o rano' Iardeneio amo hene andro an-tsam-pamokarañeo—
16 le nijihetse o rano nizotso boak' ambone eio naho nionjoñe ho haboañe nitakatse
ty atao Adame añe, i rova marine' i Tsaretàne; le vata'e nitampake o ho nizotso
mb'an-dRiak-Arabà naho mb'amy Riake Siray mb'eoo, vaho nitsake tandrife Ierikò
ey ondatio. 17 Nijohañe an-tane maik' anteñateña' Iardeney o mpisoroñe nitarazo i
vatam-pañina' IEHOVÀio, le hene nitsak' an-tane maike t'Israele, ampara' te tafatsàke
Iardeney iaby i valobohòkey.

# 4

1 Naho fa hene tafatsàke Iardeney i valobohòkey, le nitsara ty hoe am' Iehosoa
t'IEHOVÀ: 2 Rambeso ondaty folo-ro' amby boak' am' ondatioo; songa ondaty raike ze
fifokoañe, 3 le ifantoho ty hoe: Mandrambesa vato folo-ro'amby boak' am' Iardeney
ao, amy ijohañam-pandia' i mpisoroñe reiy, naho endeso hitsake mindre ama' areo
vaho apoho amy tobe hialeña' areo te anitoy. 4 Aa le kinanji' Iehosoa indaty folo-
ro'amby nedre'e amo ana' Israeleo rey; sindre ondaty raike ze fifokoa'e. 5 Le hoe
t'Iehosoa am' iereo, Mitsàha aolo' i vatam-pañina' IEHOVÀ Andrianañahare' areoy
an-teñateña' Iardeney vaho songa mandrambesa vato raik' an-tsoro'e ty ami' ty ia'
o fifokoa' o ana' Israeleoo; 6 ho viloñe ama' areo, aa naho mañontane anahareo
o ana' areoo amy añey, ty hoe: Inoñ' ama' areo o vato retoañeo? 7 Le ty hoe ty
hatalili' areo: Amy te nitampak' aolo' i vatam-pañina' IEHOVÀy o rano Iardeneio; ie
nitsake Iardeney, le nitampake o rano' Iardeneio; vaho ho faniahiañe o ana' Israeleo
nainai'e o vato retoañe. 8 Aa le nanoe' o ana' Israeleo i namantoha' Iehosoay,
naho rinambe' iereo ty vato folo-ro' amby boak' anteñateña' Iardeney ao, ty amy
tsinara' IEHOVÀ am' Iehosoay, ty ami'ty ia' o fifokoa' o ana' Israeleo, naho nendese'
iereo nitsake mindre am' iereo mb' an-tobe mb'eo vaho napo' iereo ey. 9 Natroa'
Iehosoa añivo' Iardeney ka ty vato folo-ro' amby amy nijohañam-pandia' i mpisoroñe
nitarazo i vatam-pañinay rey vaho mbe eo zay henaneo. 10 Aa le nijohañe añivo'
Iardeney o mpisoroñe nitarazo i vataio ampara' te niheneke i nampitaroñe' IEHOVÀ
Iehosoa am' ondatioy ty amy nandilia' i Mosè Iehosoa iabiy; vaho nalisa nitsake
mb'eo ondatio. 11 Naho fa tafatsàke ondaty iabio, le nitsake ka i vatam-pañinan'
Añaharey naho i mpisoroñe rey añatrefa' ondatio. 12 Nitsake reke-pialiañe aolo' o
ana' Israeleo o ana' i Reobeneo naho o ana' i Gadeo naho i vakim-pifokoa' i Menasèy

ty amy nisaontsie' i Mosè am' iereoy; 13 va'e efats' ale reke-pialiañe veka'e hialy ty
nionjoñe mb'an-kotakotak' añatrefa' Iehovà, mb'a monto' Ieriko mb'eo. 14 Naonjo'
Iehovà ampahaoniña' Israele iaby t'Iehosoa amy andro zay; vaho nañeveñe ama'e
manahake ty nañeveña' iareo amy Mosè amo hene andro niveloma'eo.

15 Nitsara amy Iehosoa t'Iehovà, ami'ty hoe: 16 Ampitroaro boak' am' Iardeney o
mpisoroñe mitarazo i vatam-pañinaio. 17 Aa le nandily amy mpisoroñe rey t'Iehosoa,
nanao ty hoe: Mitroara amo Iardeneio. 18 Naho niakatse boak' an-teñateña' Iardene
ao i mpisoroñe rey nitarazo i vatam-pañina' Iehovày, vata'e nitroatse an-tamboho eo
o lelam-pandia' i mpisoroñe reio le nimpoly an-toe'e o rano' Iardeneio, nanginahina
añ'olo'e iabio manahake te taolo. 19 Nitroatse Iardeney amy andro faha-folo' i volam-
baloha'eiy ondatio vaho nitobe e Gilgale an-dafe atiñana' Ieriko eo. 20 Le natroa'
Iehosoa e Gilgale eo i vato folo-ro'amby nakare' iareo am' Iardeney rey; 21 vaho
nitaroñe'e amo ana' Israeleo ty hoe: Aa naho añontanea' o ana' areoo an-droae'e añ'
andro añe ty hoe: Ino o vato retoañe? 22 le hampandrendrehe' areo o ana' areoo ty
hoe: Nitsake Iardeney an-tane mipintampintañe t'Israele. 23 Amy te nimaihe' Iehovà
Andrianañahare' areo aolo' areo ty rano Iardene ampara' t'ie tafatsàke, manahake
ty nanoe' Iehovà Andrianañahare' areo i Ria-Binday, ie nimaihe'e añatrefan-tikañe
ampara' te tafatsake, 24 hahafohina' ze kila ondati' ty tane toy te maozatse ty fità'
Iehovà, hañeveña'e am' Iehovà Andrianañahare' areo nainai'e.

# 5

1 Aa naho jinanji' o hene mpanjaka' o nte-Amore alafe' Iardeney mañandrefañeo,
naho ze hene mpanjaka' o nte Kanàne marine i riakey te nimaihe' Iehovà aolo' o
ana' Israeleo o rano' Iardeneo ampara' t'ie tafatsàke, le nitronake ty arofo' iareo
vaho tsy nahakofòke ty amo ana' Israeleo. 2 Ie henane zay, hoe t'Iehovà am' Iehosoa:
Tseneo meso am-bato pìlake vaho savaro indraike o ana' Israeleo ho fañindroe'e.
3 Aa le nitsene mesom-bato pilake t'Iehosoa, vaho nisavare'e e Gibeate-ha-aralote eo
o ana' Israeleo. 4 Zao ty talim-panavara' Iehosoa iareo: toe nihomak' am-patrambey
an-dalañe eo ze hene ondaty niakatse i Mitsraimeo; o lahilahio, o lahindefoñeo,
ie fa niavotse i Mitsraime. 5 Fa nivotso-boy ondaty iaby niakatse boak'aoo, fe tsy
nisavareñe ze hene ondaty nasamak' am-patrambey amy lalañe niakara' iareo i
Mitsraimey, 6 amy te efa-polo taoñe ty nañaveloa' o ana' Israeleo am-patrambey
añe, ampara' te nihomake i fifeheañe iabiy, o lahindefoñe niavotse i Mitsraimeo, ie
tsy nañaoñe ty fiarañanaña' Iehovà; i nifantà' Iehovà te tsy hapò'e hahaoniñe i tane
nifantà' Iehovà aman-droae' iareo te hatolo'e antikañey, tane orikorihen-dronono
naho tanteley. 7 Aa le nibeize'e o ana' iareoo handimbe iareo, ie ty nisavare' Iehosoa,
tinampake kanao tsy nivotso-boy amy lalañey. 8 Naho niheneke ty fanavarañe i
valobohòke iabiy le nitofa an-tobe'e ao ampara' te nimelañe.

9 Hoe ty tsara'Iehovà am'Iehosoa: Anindroany t'ie namarimbariñe ty inje' i
Mitsraime tsy ho ama' areo. Aa le nitokaveñe ty hoe Gilgale i toetsey, ampara' te
henane. 10 Ie nitobe e Gilgale ao o ana' Israeleo le nambena' iareo i Fihelañ' amboney
ami'ty hariva' i andro faha folo-efats' ambi' i volañeiy amonto' Ieriko ey. 11 Nikamà'
iareo ty voka' ela' i taney amy loak' andro' i Fihelañ' Amboney: mofo po-dalivay naho
tsako tono amy àndroy. 12 Nijihetse amy andro nañorike i nikamà' iareo ty voka' i
taneiy i maney vaho tsy nahazo mane ka o ana' Israeleo, f'ie nikama ty vokan-tane
Kanàne amy taoñe zay.

13 Narine' Ieriko t'Iehosoa t'ie nampiandra fihaino naho nahaisake te inge t'indaty
aolo'e, am-pità'e ty fibara tsinoake; vaho nimb' ama'e mb'eo t'Iehosoa, nanao ty hoe:
Ama'ay v'iheo ke amo rafelahi'aio? 14 Le hoe re, Aiy! Zaho mpifehe o lahindefo'
Iehovào ty nivotrahako etoa. Aa le nibabok' an-dahara'e an-tane eo t'Iehosoa le

niambane nanao ty hoe: Ino o ho saontsie' ty talèko amy mpitoro'eio? [15] Le hoe
ty mpifehen-dahindefo' IEHOVÀo tam' Iehosoa: Afaho am-pandia'o o hana'oo; amy te
miavake o toetse johañe'oo. Le nanoe' Iehosoa.

# 6

[1] Ie amy zao, nigabeñe fatratse t'Ieriko ty amo ana' Israeleo: leo raike tsy niakatse,
ndra raike tsy nimoak' ao— [2] Le hoe t'IEHOVÀ amy Iehosoa: Inao te natoloko am-pità'o
t'Ieriko, naho i mpanjaka'ey vaho o fanalolahio. [3] Hiarikatoha' areo i rovay; ze hene
lahindefoñe ty hiariari' i rovay indraike. Andro eneñe ty hanoa'o zay. [4] Hitintiñe
tsifan' añondrilahy fito ty mpisoroñe fito aolo' i vatam-pañinay; ie ami'ty andro faha-
fito le hiaria' areo im-pito i rovay vaho hampipopò o tsifan' añondrio i mpisoroñe
rey. [5] Ie amy zao, naho tiofe' iareo ela i tsifan' añondry rey, naho janji' areo ty feo'
i antsivay, le sindre hampipoñake ty pazake ondatio naho hikoromake ho pisake ty
kijoli' i rovay vaho songa hiranga an-kahiti'e miaolo mb'eo t'indaty.
[6] Kinanji' Iehosoa ana' i None o mpisoroñeo, le hoe ty asa'e tama'e: Ongaho i
vatam-pañinay vaho mpisoroñe fito ty hinday tsifan' añondrilahy fito aolo' i vatam-
pañina' IEHOVÀy. [7] Le hoe ty asa'e am' ondatio: Mionjona mb'eo le arikatoho i rovay
vaho ampiaolò o lahin-defoñeo i vatam-pañina' IEHOVÀy. [8] Ie amy zao: nisaontsy am'
ondatio t'Iehosoa, le nionjom-beo i mpisoroñe fito nitañe tsifan' añondrilahy fito
añatrefa' IEHOVÀ rey, le nitiofe' iereo o tsifao vaho nanonjohy iareo i vatam-pañina'
IEHOVÀy. [9] Niaolo o mpisoroñe nitiok' antsivao amy zao ondaty nitam-pialiañeo, le
nanonjohy i vatam-pañinay o mpivolio; vaho nitolom-pipopò avao o tsifao. [10] Linili'
Iehosoa amy zao ondatio ami'ty hoe: Ko mikoràke, ee te tsy ho janjiñeñe hey ty
fiarañanaña' areo, vaho tsy hiakatse am-palie' areo ndra saontsy raike ampara'
ty andro koiheko te hipazake; le hene hipozak' amy zay. [11] Aa le nampiariarie'e
i vatam-pañina' IEHOVÀy i rovay, indraike t'ie niarikatoheñe naho nibalik' an-tobe
iareo vaho nialeñe an-tobe ao. [12] Nitroatse marain-tsi-kiake t'Iehosoa vaho rinambe'
o mpisoroñeo i vatam-pañina' IEHOVÀy. [13] Aa le nainai'e nimb'eo nampipopò o
tsifao i mpisoroñe fito ninday tsifan' añondry fito añatrefa' i vatam-pañina' IEHOVÀy
rey; niaolo iareo o lahindefoñeo vaho nanonjohy i vatam-pañina' IEHOVÀy o nivolio,
nainai'e am-pipopòeñe o antsivao. [14] Ie amy andro faharoey le nañariari' i rovay
indraike iereo vaho nimpoly an-tobe ao; nanoe' iereo andro eneñe zay. [15] Ie amy
andro fahafitoy le nitroatse te manjirik' andro naho narierie' iareo i rovay vaho
nitoloña' iareo im-pito; amy àndroy avao ty nañariaria' iareo i rovay im-pito. [16] Aa ie
amy faha-fitoy naho nampipopò i tsifa rey o mpisoroñeo le nanao ty hoe am' ondatio
t'Iehosoa: Mipoñafa, fa natolo' IEHOVÀ ama' areo i rovay.
[17] Hatokañe amy IEHOVÀ i rovay, ie naho ze kolotoin-draha ama'e ao; i Rakabe
karapilo avao ty ho veloñe naho ze mitraok' ama'e añ'anjomba'e ao amy te naeta'e o
ìrake nampihitrifen-tikañeo. [18] Ie amy zao ifoneño o raha navìkeo tsy mone mamà-
batañe, fa naho rambese' areo ho fanañañe o raha navikeo, le hafà' areo ho am-
poheke ka ty tobe' Israele. [19] Kila miavake am' IEHOVÀ i volafotiy, i volamenay vaho
o fanake torisìke naho viñeo; ie hazilik' an-driha' IEHOVÀ ao.
[20] Aa le nampipoñake ty koike ondatio, nitiofeñe o tsifao. Naho nahajanjiñe ty
feo' o tsifao ondatio, le pinaza' ondatio ty koke, naho nikoromake ho pisake i kijoliy
vaho nitoañe mb' an-drova ao ondatio, sindre gaon-dahy niaolo mb'eo nitavañe i
rovay. [21] Ie fonga nandrotsake an-dela-pibara ze tan-drova ao, ndra lahilahy ndra
rakemba, o tora'eo naho o beio, o añombeo naho o añondrio vaho o borìkeo. [22] Le
hoe t'Iehosoa am' indaty roe nipiapia amy taney rey: Akia mb' añ' anjomba' i
karapiloy vaho akaro i rakembay naho ze hene aze ty amy nifantà' areo. [23] Aa le
nimoak' ao i ajalahy nitampoñe rey naho nakare' iereo t'i Rakabe naho ty rae'e naho

i rene'e naho o rahalahi'eo naho ze vara'e iaby; nakare' iareo ze hene longo'e vaho
nampitobèñe alafe' i tobe' Israeley. 24 Finorototo' iereo afo i rovay naho ze he'e ama'e
ao; naho tsy ty volafoty, ty volamena naho o fanake torisìke naho viñeo avao ze napò'
iareo am-panontoñam-baran-kiboho' IEHOVÀ ao. 25 Le rinomba' Iehosoa veloñe t'i
Rakabe karapilo naho o añ'anjomban-drae'eo vaho o aze iabio; ie mimoneñe añivo'
Israele ao ampara' te henane; ami'te naeta'e i nampihitrife' Iehosoa hanampoñe
Ieriko rey. 26 Aa le nampifantà' Iehosoa ondatio henane zay ami'ty hoe: Voa-
fàtse añatrefa' IEHOVÀ t'indaty miongake hañamboatse ty rova Ieriko toy; ami'ty
fihomahan-tañoloñoloña'e ty hampipoha'e o mananta'eo vaho ami'ty fivetraha' i
tsitso'ey ty hampijadoña'e o lalam-bei'eo. 27 Aa le nitahie' IEHOVÀ t'Iehosoa; vaho
nanitsike i taney ty enge'e.

# 7

1 Fe nandilatse amo raha navikeo o ana' Israeleo; amy te nandrambe raha navike
t'i Akane, ana'i Karmý, ana' i Zabdý, ana'i Zerake, fifokoa' Iehodà; vaho nisolebatse
amo ana' Israeleo ty haviñera' IEHOVÀ. 2 Nañirake ondaty boake Ieriko mb'amy Ày
marine i Bete-avene, atiñana' i Betele* mb'eo t'Iehosoa, le hoe ty nanoe'e: Akia,
tampono i taney. Aa le nionjoñe mb'eo ondatio nanampoñe i Ày. 3 Ie nibalike
mb'amy Iehosoa mb'eo le nitalily ty hoe: Ko ampionjoneñe mb'eo iaby ondatio;
fe añiraho ondaty telo arivo ndra ro' arivo hionjoñe mb'eo handafa i Ày; ko
votsora'o hifanehake mb'eo i maro iabiy, amy t'ie tsy ampeampe. 4 Va'e lahilahy
telo-arivo amy màroy ty nionjomb'eo; f'ie nitriban-day añatrefa' ondati' i Àio, 5 naho
nañohofa' ondati' i Àio loza t'indaty telopolo eneñ' amby; le hinorida'e boak'amy
lalam-beiy pake Sebarime añe, naho linafa' iareo amy fizotsoañey mb' eo vaho
nalorè aman' arofo ondatio, nitranake hoe rano. 6 Rinia' Iehosoa i saro'ey naho
nibabok' an-tane an-dahara'e añatrefa' i vatam-pañina' IEHOVÀy ampara' te haleñe,
ie naho o androanavi' Israeleo songa nampibobò deboke añambone'e. 7 Le hoe
t'Iehosoa: Hoke! ry Rañandria IEHOVÀ, aa vaho akore ty nampitsaha'o Iardeney
ondaty retoañe hanesea'o am-pità' o nte-Amoreo, hampihomaha'o anay? Hamake
t'ie nilesa naho nitobok' alafe' Iardeney añe! 8 O Rañandria, ino ty ho asako, kanao
niambohoa' Israele o rafelahi'eo! 9 Ie mahajanjiñe zay o nte-Kanàneo naho o hene
mpimoneñe an-tane atoio, le hiariseho anay, vaho hapitso' iareo an-tane atoy ty
tahina'ay, le hatao'o akore i Tahina'o jabahinakey? 10 Le hoe t'IEHOVÀ am' Iehosoa:
Miongaha, ino ty ibaboha'o an-dahara'o? 11 Toe nanao hakeo t'Israele; nililare' iareo
i fañinako nandiliako am'iareoy; nangalake amo raha navikeo; naho nampikametse
naho nañetake vaho napoke amo harao'eo. 12 Aa le tsy nahafitroatse añatrefan-
drafelahi'e o ana' Israeleo; niambohoa' iareo o rafelahi'eo amy t'ie ninjare fokom-
patse; tsy hindre ama' areo raho naho tsy mongore' areo hey o nozoñeñe ama'
areoo. 13 Miongaha, ampiavaho ondatio, ano ty hoe: Miefera ho ami'ty maray; fa
hoe ty tsara' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: Aman' onjitse ty añivo'o ao, ry Israele;
tsy mahafijohañe añatrefa' o rafelahi'oo rehe ampara' te akareñe ama' areo hey
i natokañey. 14 Aa ie maraindray, miheova mb'eo am-pifokoañe; vaho ze fifokoa
rambese' IEHOVÀ ro hañarine an-kasavereña'e; le ty hasavereñañe edrè' IEHOVÀ ro
hañarine mb'eo ki-anjomba'e; le ty anjomba edrè' IEHOVÀ ro hitotoke ki' ondaty. 15 Ie
amy zay, ho forototoeñe añ'afo ao ty nandrambe o raha navikeo rekets' o fanaña'e
iabio; amy te nililare'e ty fañina' IEHOVÀ, vaho nanao hatsivokarañe e Israele ao. 16 Aa
le nañaleñàleñe amy maraiñey t'Iehosoa vaho nampitotohe'e t'Israele am-pifokoa'e
le nivoa ty fifokoa' Iehoda. 17 Nampitotohe'e ty fifokoa' Iehoda, le voa ty hasavereña' i

* 7:2 Betele: Anjomban'Añahare

Zerake; nampitotohe’e ty hasavereña’ i Zerake, lahilahy an-dahilahy le voa ty Zabdý.
18 Nampitotohe’e ki’ ondaty ki’ondaty i anjomba’ey le voa t’i Akane, ana’ i Karmi,
ana’ i Zabdy, ana’ i Zerake, fifokoa’ Iehoda. 19 Aa le hoe t’Iehosoa amy Akane, O
anako, ehe toloro engeñe t’IEHOVÀ Andriananañahare’ Israele, vaho andriaño; atalilio
ahy henaneo i nanoe’oy; le ko aetake. 20 Le hoe ty natoi’ i Akane am’ Iehosoa: Toe
nandilatse am’ IEHOVÀ Andriananañahare’ Israele raho vaho zao naho zao ty nanoeko.
21 Naho nitreako amo fikopahañeo ty sarimbo soa boake Sinare naho ty volafoty
sekele roanjato, naho ty tseram-bolamena milanja sekele limampolo, le nihañeko,
naho rinambeko; vaho ingo, mikafitse an-tane añivon-kibohoko ao, ambane ao i
volafotiy. 22 Aa le nampañitrike irake t’Iehosoa, naho nilay mb’ amy kibohotsey iereo,
le ingo t’ie nikafitse an-kiboho’e ao, vaho ambane’e ao i volafotiy. 23 Rinambe’ iereo
boak’ an-kibohotse ao zay le nendese’e mb’ amy Iehosoa, naho mb’amo hene ana’
Israeleo mb’eo vaho napo’ iereo añatrefa’ IEHOVÀ. 24 Rinambe’ Iehosoa naho Israele
iaby t’i Akane ana’ i Zerake naho i volafotiy, i sarimboy naho i tseram-bolamenay
naho o ana-dahi’eo, o anak’ ampela’eo naho o añombe’eo naho o borìke’eo naho
o añondri’eo naho i kiboho’ey naho ze ama’e iaby; le nampionjone’ iereo mb’ am-
bavatane’ Akore mb’eo. 25 Le hoe t’Iehosoa: Ino ty nanolora’o sotry anay? IEHOVÀ ty
hanolo-sotry ama’o te anito. Aa le nametsaha’ Israele vato, naho namorototo iareo
an’ afo vaho nametsa-bato ama’e. 26 Nampitoabora’ iareo votrim-bato jabajaba ty
ambone’ iereo, ze mbe eo henaneo, le nitolik’ amy haviñera’ey t’IEHOVÀ. Aa le natao
Vavatane’ i Akore ty añara’ i toetsey, pake henane.

# 8

1 Le hoe t’IEHOVÀ am’Iehosoa: Ko hemban-drehe, ko manahelo; miavota naho
endeso mindre ama’o mb’e Ày mb’eo ze hene lahin-defoñe, Inao fa natoloko am-
pità’o ty mpanjaka’ i Ày naho ondati’eo naho i rova’ey vaho i tane’ey. 2 Hanoe’o amy
Ày naho amy mpanjaka’ey hambañe amy nanoa’o am’ Ieriko naho i mpanjaka’eiy;
fe ho tana’ areo ho tsindro’ areo o vara’eo, naho o añombe’eo, Vandroño boak’ am-
boho’e ao i rovay.

3 Aa le niongake t’Iehosoa rekets’ o hene’ lahin-defoñeo, hionjoñe mb’e Ày
mb’eo; jinobo’ Iehosoa ty lahilahy telo-ale, fanalolahy mahavany, vaho nirahe’e
mb’eo haleñe. 4 Nafanto’e ami’ty hoe: Inao! hiampitse amboho’ i rovay nahareo
hamandroñe i rovay, ko halavira’ areo i rovay, vaho fonga mihentseña. 5 Zaho
reketse ze hene’ ondaty amako ro higodañe mb’ amy rovay mb’eo; ie amy zao, naho
miakatse hañoridañe anay iereo manahake i teoy, le handripak’ an-day añatrefa’
iareo zahay. 6 Ie miakatse hañoridañe anay, naho fa tinari’ay hisitak’ amy rovay le
hanao ty hoe: Hehe t’ie milay an-tikañe manahake tam-pifotora’ey. Zay ty hilaisa’ay
aolo’ iareo mb’eo. 7 Hiongak’ am-piampirañe amy zao nahareo hitavañe i rovay;
fa hatolo’ IEHOVÀ Andriananañahare’ areo am-pità’ areo. 8 Ie nivotrake amy rovay, le
ampiforeheto añ’ afo i rovay; i tsinara’ IEHOVÀy ty hanoa’ areo aze; inay, fa liniliko.
9 Aa le nampionjone’ Iehosa; le nimb’eo iereo niampitse, naho nitobe añivo’ i Betele
naho i Ày ahandrefa’ i Ày ao; nialeñe am’ ondatio avao t’Iehosoa. 10 Nañampitso
amy loak’ àndroy t’Iehosoa, le nitehafe’e ondatio vaho nionjoñe mb’eo, ie naho o
mpiaolo’ Israeleo ty niaolo ondatio mb’e Ày añe. 11 Aa le nionjom’ beo iaby ondaty
nindre ama’eo, o lahindefoñeo, naho nañarine mb’eo, le nijohañe tandrife i rovay,
vaho nitobe avara’ i Ày ey; toe añivo’e naho i Ày eo ty vavatane. 12 Nandrambe
lahilahy va’e lime-arivo re vaho nampiampire’e añivo’ i Betele naho i Ày ahandrefa’
i rovay. 13 Aa le nisalahàñe i maroiy: i lahialeñe avara’ i rovaiy naho o nivolio am-
piampirañe ahandrefa’ i rovay ao; le nimb’ añ’ ivo’ i vavataney hialeñe t’Iehosoa.

14 Ie amy zao, naho nahaoniñe zay ty mpanjaka' i Ay le nalisa niongake maraindray
o lahilahi' i rovaio vaho niakatse hiambotrak' am' Israele an-kotakotake, ie naho
ondati'e iabio, mb' amy namotoañañey, aolo' i Arabày; fe tsy napota'e te amboho' i
rovay ty nivoñoñe aze. 15 Nanao sare gioke aolo' iareo t'Iehosoa naho Israele iaby,
le nandripàke mb' an-dala' i fatrambeiy mb'eo. 16 Aa le kinoike iaby ondati' i Aio
hifanontoñe, hañoridàñe; le nihoridà' iareo t'Iehosoa, nisitake amy rovay. 17 Tsy
nengaeñe ondaty ty e Ay ndra e Betele ao ze tsy niakatse hañotroke Israele; napo'
iareo nisokake i rovay le nañoridañe Israele. 18 Aa le hoe t'IEHOVÀ am' Iehosoa:
Atora-kitsio mb'amy Ay i lefoñe am-pità'oy; fa hatoloko am-pità'o. Aa le nahiti'
Iehosoa mb' amy rovay i lefoñe am-pità'ey. 19 Nivoratsake boak' an-toe'e ao amy
zao o niampitseo; namorehetse ty lay mb'eo ty amy nañitia'e i fità'eiy naho nimoak'
amy rovay ao, nitavañe aze, vaho namiañe afo amy rovay. 20 Aa ie nitolike naho
niisake mañamboho o lahilahi' i Aio, ingo nañatoeñe mb' an-dikeramb'eo i rovay,
le tsy nioniñe ty hipotatsaha' iareo ke mb' atia he mb' etia amy te nibalike mb'
amo nañoridañe iareoo mb'eo o nilay mb' ampatrambeio. 21 Naho nioni' Iehosoa
naho Israele iaby te tinava' o nanàmpokeo i rovay naho te nionjoñe mañambone ty
hatoe' i rovay, le nibalike, vaho zinama' iareo o lahilahi' i Aio. 22 Niakatse i rovay
ka o ila'eo hifañatrek' am' iareo; aa le niarikoboña' Israele, etia ty ila'e, atia ty ila'e,
vaho binaibai'e iereo ampara' t'ie po-sehanga'e leo raike tsy nahapoliotse.

23 Nenga' iereo veloñe ty mpanjaka' i Ay vaho nasese mb' am' Iehosoa mb'eo.
24 Ie nihenefe' Israele zamañe o mpimone' i Ay an-kivoke eio naho i ampatrañe ey
nañoridañe iareo rezay, toe nampitsingoritriem-pibara ampara' t'ie nimongotse, le
hene nitolike mb'e Ay mb'eo t'Israele, nanjevoñ' aze an-dela-pibara. 25 Ty hamaro
nikorovok' amy andro zay amo lahilahy naho rakembao, le rai-ale-tsi-ro'arivo—
ze hene'ondati' i Ay. 26 Tsy nafore' Iehosoa ty fità'e nañity i lefoñey ampara' te
nimongore'e ze fonga mpimone' i Ay. 27 O añombeo naho i vara-fikopa' i rovay
avao ty tinava' Israele ho fitsindro'e ty amy tsara linili' IEHOVÀ am'Iehosoay. 28 Aa le
finorototo' Iehosoa ty Ay naho nanoe'e tamboho tsy modo, toe hoake ampara' henane.
29 Naradorado'e an-katae ty mpanjaka' i Ay ampara' te hariva; ie tsofots' andro le
nandily t'Iehosoa naho nazotso' iareo amy hataey i lolo'ey, naho navokovoko an-
dalam-bei' i rovay vaho naonjoñe ama'e ty votrim-bato jabajaba mbe eo henanekeo.

30 Le namboara' Iehosoa kitrely t'IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele, am-bohi' Ebale
eo 31 ty amy nandilia' i Mosè mpitoro' IEHOVÀ o ana' Israeleoy, manahake i sinokitse
amy boke Hà' i Mosèiy, kitrely vato tsy pinèke, tsy nañonjonañe viñe; naho
nibanabanae' iareo soroñe am' IEHOVÀ, vaho nandenta engan-kanintsiñe. 32 Sinoki'e
amo vatoo ty hambañe amy Tsara' i Mosèy, nisokire'e añatrefa' o ana' Israeleo.
33 Hene nijohañe añ'ila' i vatam-pañinay etoy naho añ' ila'e eroy añatrefa' o
mpisoroñe nte-Levy nitarazo i vatam-pañina' IEHOVÀio t'Israele naho o mpiaolo'eo
naho o mpifehe'eo vaho o mpizaka'eo sindre tao ty renetane naho t'indaty; ty ila'e
aolo' i vohi-Gerizimey naho ty ila'e aolo' i vohi-Ebaley; ty amy nandilia' i Mosè
mpitoro' IEHOVÀ am-baloha'ey, hitatàñe o ana' Israeleo.

34 Modo zay le vinaki'e o enta' i Hake iabio, o tatao naho o fatseo, ze hene sinokitse
amy boke' i Hake ao. 35 Ndra raik' amo tsara linili' i Mosèo tsy nado' Iehosoa fa hene
nivakie añatrefam-pivori-bei' Israele, naho amo rakembao, naho amo keleiañeo vaho
amo renetane niharo am' iereoo.

## 9

1 Ie añe, naho fa jinanji' o mpanjaka iaby alafe' Iardeney, am-bohibohitse naho am-
bavatane ey naho añolo' i Riake Jabajabay pak' e Lebanone añeo; i nte-Kete naho i

nte-Amore, i nte-Kanàne, i nte-Perizý, i nte-Kivý, vaho i nte-Iebosý; [2] le nikabija,
nifañosoñe hialy amy Iehosoa naho am'Israele.
[3] Fe jinanji' o mpimone' i Giboneo ty nanoe' Iehosoa am' Ieriko naho amy Ay, [4] le
nikilily famañahiañe: nimb'eo iereo nisare sorotà; ninday voro-gony am-borìke naho
kontran-divay toro naho rota nitakefeñe; [5] naho tsoron-kana sinosok' am-pandia'e
naho sikiñe voroboro'e ho saro' iareo; mbore nimaike vaho nivoravora ty mofo iaby
fivati' iareo. [6] Niheo mb' amy Iehosoa an-tobe e Gilgale ao iereo, nanao ty hoe ama'e
naho amo lahilahi' Israeleo; Boake tsietoitane añe zahay; aa ehe ifañinào. [7] Le hoe
ondaty ana' Israeleo amo nte-Kiveo: Hera t'ie mpimoneñe ama'ay atoy; aa le aia ty
hifañinà'ay. [8] Le hoe ty asa' iareo am' Iehosoa: Mpitoro' areo zahay. Le hoe ty nanoe'
Iehosoa: Ia v'inahareo naho boak'aia? [9] Le hoe ty asa' iareo ama'e: Boake tsietoitane
añe o mpitoro'oo t'ie nivotrak' atoy ty tahina' IEHOVÀ Andrianañahare' areoy; fa
jinanji'ay ty enge'e naho ze hene fitoloña'e e Mitsraime ao, [10] naho ze he'e nanoe'e
amy mpanjaka roe nte-Amore alafe' Iardeney añe rey, toe amy Sihone mpanjaka
i Khesbone naho amy Oge mpanjaka' i Basane e Astarote añe. [11] Aa le nisaontsy
ama'ay o mpiaolo'aio naho o fonga mpimoneñe an-tane'aio, nanao ty hoe: Mindesa
vaty amy liay, le akia mifañaoña am' iereo vaho ano am' iereo ty hoe: Mpitoro' areo
zahay; ie amy zao, ehe ifañinao. [12] Intoy ty mofo nendese'ay ho vaty ie mbe nimae
boak' añ' akiba'ay amy andro nionjona'ay hihitrifa'ay mb'ama' areo mb' etoay, hehe
t'ie maike vaho demodemoke. [13] Le nivao o kontran-divay retoa t'ie fineno'ay, ingo te
mikoneatse; hehe ka o siki'aio naho o hana'aio, ie fa modo iaby ty amy halavi' i liay.
[14] Nangala' o lahilahio ty vati' iareo, f'ie tsy nihalaly fanoroañe am-palie' IEHOVÀ.
[15] Aa le nifampilongo am' iereo t'Iehosoa vaho nifañina t'ie hengañe ho veloñe
le nifanta ama'e ka o roandria' i valobohòkeio. [16] Ie telo andro añe te nifañina le
jinanji' iareo t'ie mpañohoke naho mpimoneñe añivo' iareo ao avao. [17] Ie nañavelo
le nivotrak' amo rova' iareoo amy andro faha-teloy o ana' Israeleo. Ty rova' iareo: i
Gibone, le i Kefirà, i Birote vaho i Kiriate-iearime. [18] Tsy pinao' o ana' Israeleo iereo,
ty amy nifantà' o roandria' i valobohòkeio amy IEHOVÀ Andrianañahare' Israele.
Aa le niñeoñeoñe amo roandriañeo i valobohòkey. [19] Fe hoe o roandriañeo amy
valobohòkey: Fa nifanta'ay amy IEHOVÀ Andrianañahare' Israele; aa le ko paoheñe.
[20] Zao ty hanoan-tika: hadoñe ho veloñe; tsy mone ho aman-tika ty haviñerañe, ty
amy fanta nifantà'ay am' iereoy. [21] Le hoe o roandriañeo ty am' iereo: Angao ho
veloñe; le nanoeñe mpamatsi-katae naho mpitari-drano ho a i valobohòkey, ty amy
nitaroña' o roandriañeo.
[22] Kinoi' Iehosoa, vaho nisaontsie'e ty hoe: Akore ty namañahia' areo anay ami'ty
hoe: Boa-davitse anahareo zahay, ie mpimoneñe añivo'ay atoy avao? [23] Aa le
fokom-patse nahareo; nainai'e tsy ho modo t'ie ho mpitoroñe, mpamatsike hatae
vaho mpitari-drano ho añ' anjomban' Añahareko. [24] Nanoiñe Iehosoa ami'ty hoe
iereo; Amy te toe natalily amo mpitoro'oo te linili' IEHOVÀ Andrianañahare'o i
mpitoro'e Mosèy te hatolo'e anahareo i tane iabiy le ho mongoreñe aolo' areo ze
fonga mpimone' i taney, aa le nampirevendreveñe anay o fiai'aio ty ama' areo; zay
ty nanoe'ay o raha zao. [25] Ie henane zao, ingo, am-pità'o zahay: aa le ano ama'ay
ze atao'o soa naho to am-pivazohoa' areo. [26] Aa le zay ty nanoe'e am' iereo, vaho
rinomba'e am-pità' o ana' Israeleo, fa tsy vinono; [27] ie nanoe' Iehosoa mpamatsi-katae
naho mpitari-drano amy andro zay ho amy valobohòkey naho ho a i kitreli' IEHOVÀy
ampara henaneo, amy toetse ho joboñe'ey.

# 10

[1] Aa ie jinanji' i Adoni-tsedeke mpanjaka' Ierosalaime te rinambe' i Iehosoa ty
Ay naho nandrotsak' aze; le manahake ty nanoe'e Ieriko rekets' i mpanjaka'ey, ty

nanoe'e i Ay rekets' i mpanjaka'ey; naho nifampilongo amy Israele o mpimone' i
Giboneo vaho fa aivo' iereo ao. 2 Le nangebahebake iereo kanao posetse jabajaba ty
Gibone, rovam-panjaka mandikoats' i Ay, vaho fanalolahy iaby o lahilahi'eo. 3 Aa le
nahitri' i Adoni-tsedeke mpanjaka' Ierosalaime amy Hohame, mpanjaka' i Kebrone
naho amy Pirame, mpanjaka' Iarmote naho am' Iafia, mpanjaka' i Lakise vaho amy
Debire*, mpanjaka' i Eglone, ty hoe: 4 Mionjona mb' amako mb'etoa; antao tika
handafa i Gibone amy t'ie nifampilongo amy Iehosoa naho amo ana' Israeleo. 5 Aa
le nifañosoñe i mpanjaka lime' o nte-Amoreo rey, ty mpanjaka' Ierosalaime, ty
mpanjaka' i Kebrone, ty mpanjaka' Iarmote, ty mpanjaka' i Lakise vaho ty mpanjaka'
i Eglone rekets' o valobohò' iareo iabio, nitobe tandrife i Gibone ey vaho nialia'e. 6 Aa
le nañitrik' am' Iehosoa e Gilgale añe ondati' i Giboneo nanao ty hoe: Ko ageba'o
amo mpitoro'oo o fità'oo; malisà! mionjona mb' ama'ay mb'etoy, rombaho vaho
oloro; amy te nifanontoñe haname anay ze hene mpanjaka nte-Amore mpimoneñe
am-bohibohitse ao. 7 Aa le niavotse i Gilgale t'Iehosoa reketse ze hene lahindefo'e,
toe o fanalolahi'e iabio. 8 Le hoe t'IEHOVÀ amy Iehosoa, Ko hembañe, ie fa natoloko
am-pità'o; leo raik' am'ondati'eo tsy hahafijohañe ama'o. 9 Aa le nivovo am' iereo
t'Iehosoa fa nikatsakatsake haleñe boake Gilgale añe, 10 vaho navalitsikota' IEHOVÀ
añatrefa' Israele eo, le binaibai'e e Gibone am-pizamanam-bey; naho hinorida'e mb'
amy fitroara' i Bete-koroney mb' eo, vaho finofo'e pak' Azekà naho Makedà añe.
11 Aa ie nandripàke ty lay am' Israele, amy fizotsoa' i Bete-koroney le nahirirì' IEHOVÀ
ama' iereo ty vato gadaboñe boak' an-dikerañey pak' Azekà, vaho nikoromake; maro
ty nampivetrahe' i havandra gadaboñey te amo vinono' o ana' Israeleo am-pibarao.
12 Le hoe t'Iehosoa am' IEHOVÀ amy andro nanolora' IEHOVÀ o nte-Amoreo añatrefa' o
ana' Israeleoy; hoe re ampahaisaha' Israele, Ry andro, mijihera amy Gibone ey, naho
ry volañe, am-bavatane' i Aialone ey. 13 Aa le nijihetse i àndroy vaho nitsangañe
i volañey, ampara' te niheneke ty fañondroha' iareo amo rafelahi' iareoo. Tsy fa
sinokitse amy boke Iasarey hao? Nijohañe an-teñateñan-dikerañe ey i àndroy, va'e
andro raike t'ie tsy nalisa niroñe. 14 Mboe lia'e tsy teo ty andro taolo ndra nanonjohy
ty nanahake aze, te nihaoñe' IEHOVÀ ty feo' ondaty raike; amy te nialy ho a Israele
t'IEHOVÀ.
15 Nimpoly amy zao t'Iehosoa, naho Israele iaby nindre ama'e mb'an-tobe e Gilgale
añe. 16 Fe nipoliotse i mpanjaka lime rey nietak' an-dakato' i Makedà† ao. 17 Aa le
nitaroñeñe am' Iehosoa ty hoe: Nioniñe mietak' an-dakato' i Makedà ao i mpanjaka
lime rey. 18 Le hoe t'Iehosoa: Amariño vato jabajaba am-bava' i lakatoy le ajadoño
eo t'indaty hañambeñe iareo 19 le ko tambatse eo, fa horidaño o rafelahi' areoo
vaho lafao o amboli'eoo; ko engañe hizilik' amo rova'eo; amy t'ie natolo' IEHOVÀ
Andriananahare' areo am-pità' areo. 20 Naho nihenefe' Iehosoa naho o ana' Israeleo
ty fanjamanañe iareo am-pañohofan-doza ra'elahy, ampara' t'ie fonga nimongotse
vaho fa nimoak' amo rova fatratseo o sehanga'eo, 21 le nimpoly mb'an-tobe mb'eo am-
panintsiñañe ondaty iabio mb' amy Iehosoa e Makedà mb'eo; tsy teo ka ty naniom-
pameleke hitreatre ndra iaia amo ana' Israeleo. 22 Le hoe t'Iehosoa, Sokafo ty vava'
i lakatoy vaho aseseo amako boak' an-dakato ao i mpanjaka lime rey. 23 Aa le
nanoe' iereo; nakare' iareo boak' an-dakato ao i mpanjaka lime rey: ty mpanjaka'
Ierosalaime, ty mpanjaka' i Kebrone, ty mpanjaka' Iarmote, ty mpanjaka' i Lakise, ty
mpanjaka' i Eglone. 24 Le nakare' iareo mb' am' Iehosoa i mpanjaka rey, naho kinanji'
Iehosoa o lahindefo' Israele iabio, le nanao ty hoe amo mpifelen-dahin-defo mpindre
ama'eo: Mañarinea; apetaho am-pititia' o mpanjakao o fandia' areoo. Nañarine amy
zao iereo vaho nanoe' iereo am-pititia' i mpanjaka rey o fandia' iereoo. 25 Le hoe

* 10:3 Debire: mpanao lañonañe; entam-bolañe † 10:16 Makedà: mitalaho; mirehetse; mionjo; mengoke; fiandrazan' añondry

t’Iehosoa am’ iereo: Ko hembañe, ko mihakahaka, mihaozara naho mahavania; fa
zao ty hanoa’ IEHOVÀ ze rafelahy iaby hialia’ areo. 26 Linafa’ Iehosoa amy zao iereo,
vinono’e vaho nampandradoradoe’e an-katae lime; niradorado amy hatae rey am-
para’ te haleñe. 27 Ie nitsofots’ andro, le nandily t’Iehosoa, naho nazotso amo hataeo,
naho navokovoko amy lakato nietaha’ iareoy, vaho nampipohañe vato jabajaba maro
am-bava’ i lakatoy—pak’ami’ty andro toy. 28 Ie amy àndroy, rinambe’ Iehosoa ka t’i
Makedà naho linafa’e an-dela-pibara naho nimongore’e i mpanjaka’ey, naho ze fonga
ondaty ao; leo raike tsy nisisa; vaho nanoe’e amy mpanjaka’ i Makedày hambañe
amy nanoa’e i mpanjaka’ Ierikoy. 29 Nienga’ i Makedà t’Iehosoa rekets’ Israele iaby
naho nimb’e Libnà mb’eo vaho nialy amy Libnà; 30 natolo’ IEHOVÀ am-pità’ Israele
ka zay naho i mpanjaka’ey le linafa’e an-dela-pibara naho ze fonga ondaty ao; tsy
nampipoke sengaha’e, le nanoe’e amy mpanjaka’ey hambañe amy nanoe’e amy
mpanjaka’ Ierikoy. 31 Nienga i Libnà t’Iehosoa naho Israele iaby, nomb’e Lakise
mb’eo naho nitobe marine aze vaho nialia’e; 32 le natolo’ IEHOVÀ am-pità’ Israele
t’i Lakise; rinambe’e amy andro faha roey vaho linafa’e an-dela-pibara naho ze
fonga ondaty ao, hambañe amy nanoe’e i Libnày. 33 Aa le nionjoñe mb’e Lakise
mb’eo t’i Korame mpanjaka’ i Gezere hañolots’ aze, le linafa’ Iehosoa ka naho
ondati’eo am-para te tsy aman-tsehanga’e. 34 Nienga i Lakise t’Iehosoa rekets’ Israele
iaby le nimb’e Eglone mb’eo naho nitobe eo vaho nialia’e. 35 Rinambe’ iereo amy
àndroy avao, vaho linafa’e an-dela-pibara; ie naho o fonga ondati’eo ro zinama’e
amy àndroy, hambañe amy nanoe’e i Lakisey. 36 Nienga i Eglone t’Iehosoa naho
nindre ama’e t’Israele iaby, nimb’e Kebrone mb’ eo le nialia’e. 37 Rinambe zay
naho linafa’e an-dela-pibara rekets’ i mpanjaka’ey naho ze hene rova’e naho ondati’e
iabio; leo sehanga’e tsy napo’e, hambañe amy nanoe’e i Egloney, ie vata’e narotsa’e
reketse ze fonga ondaty ama’e ao. 38 Nibalike mb’e Debire mb’eo t’Iehosoa naho
nindre ama’e t’Israele iaby vaho nialia’e; 39 rinambe’e rekets’ i mpanjaka’ey naho
o rova’eo le linafa’ iareo an-dela-pibara naho namongotse ze fonga ondaty ao; leo
sehanga’e tsy napo’e; manahake ty nanoe’e Amy Kebrone ty nanoa’e Amy Debire
naho i mpanjaka’ey, hambañe amy nanoe’e amy Libnày naho i mpanjaka’eiy. 40 Aa
le hene finofo’ Iehosoa o am-bohibohitseo naho i Atimoy naho i vavatanen-drano
manganahanay naho o mpanjaka’e iabio; tsy napo’e sehanga’e fa fonga nimongore’e
ze raha nikofòke, ty amy linili’ IEHOVÀ Andrianañahare’ Israeley. 41 Fonga linafa’
Iehosoa boake Kadese-barnea pak’ Aza naho an-tane Gosene iaby pake Gibone.
42 Rinambe’ Iehosoa indrai-mipaoke i mpanjaka rey naho o tane’eo amy te nialy ho
a Israele t’IEHOVÀ Andrianañahare’ Israele. 43 Aa le nimpoly mb’an-tobe’ i Gilgale
mb’eo t’Iehosoa naho Israele iaby.

# 11

1 Naho nahajanjiñe zay t’Iabene mpanjaka’ i Katsore le nampisangitrife’e t’ Iobabe,
mpanjaka’i Madone, naho i mpanjaka’ i Simroney, naho i mpanjaka’ i Aksafey, 2 naho
o mpanjaka avara’ o vohibohitseo naho o e Arabà atimo’ i Kinerote naho an-tane Dore
ahandrefañ’ añeo 3 naho o nte-Kanàne atiñanañe naho ahandrefañ’ añeo naho i
nte-Amorey naho i nte-Ketey naho i nte-Periziy, naho i nte-Iebosý ambohibohitsey
naho i nte-Kive am-poto’ i Kermone an-tane’ i Mitspày. 4 Nionjomb’eo iereo rekets’
o hamaro’eo, ondaty mitozantozañe! valobohòke mira ami’ty faseñe añ’ olo-driake
ey miharo soavala naho sarete tsifotofoto. 5 Nifamantañe i mpanjaka rey le nitrao-
pitobe an-drano Merome, hialy am’ Israele. 6 Le hoe ty tsara’ IEHOVÀ am’ Iehosoa: Ko
ihembañañe; ie hamaray, amo ora zao, te hatoloko zamañe añatrefa’ Israele iereo;
hatao fira-sintake o tombon-tsoavala’eo le ho forototoe’ areo an’ afo o sarete’eo. 7 Aa
le nomb’eo t’Iehosoa rekets’ o lahin-defo’e iabio haname iareo le nivovoa’e marine’ o

rano’ i Merome eio vaho niambotraha’e. 8 Le natolo’ IEHOVÀ am-pità’ Israele, zinevo’
iareo, nihoridàñeñe mb’e Tsidone Ra’elahy mb’eo naho pake Misrepote-maime naho
pak’ am-bavatane’ i Mizpè maniñanañe; zinama’ iareo am-para’ t’ie tsy nenga’e
honka’e.
9 Aa le nihenefe’ Iehosoa am’ iereo ze natoro’ IEHOVÀ; finirasinta’e ty tombo’
o soavala’eo naho finorototo’e an’ afo o sareteo. 10 Nibalik’ amy zao t’Iehosoa
le rinambe’e ty Hazore vaho vinono’e am-pibara’ i mpanjakay: amy te ni-lohà’ i
fifeheañe rey ty Hazore te taolo. 11 Fonga zinama’e am-pibara ze fonga ondaty
ao, vata’e nimongore’e; leo raike tsy nengañe hikofòke; le nihotomomohen’ afo ty
Hazore. 12 Fonga tinava’ Iehosoa ze rova’ i mpanjaka rey naho o mpanjaka’e iabio;
linafa’e an-dela-pibara vaho nimongore’e; amy nandilia’ i Mosè mpitoro’ IEHOVÀY.
13 Fe ty amo rova nitobok’ an-kaboañe eio le tsy ama’e ty noroa’ Israele naho tsy i
Hazore sinodo’ Iehosoay. 14 Nendese’ o ana’ Israeleo ze hene vara’ i rova rey naho
o añombe’eo ho tsindro’e; fe hene linafa’ iareo an-dela-pibara ondatio, ampara’ t’ie
nimongotse, tsy napo’ iareo ndra raike ty nikofòke.
15 Ze nandilia’ IEHOVÀ amy Mosè mpitoro’ey, ty nafepè’ i Mosè am’ Iehosoa; le
nanoe’ Iehosoa; tsy ao ty tsy nihenefe’e amy ze hene nandilia’ IEHOVÀ i Mosé. 16 Aa
le fonga rinambe’ Iehosoa i taney naho i ambohibohitse eiy naho i atimoy naho o
hene tane’ i Goseneo naho i vavataney naho i Arabày naho o haboa’ Israeleo vaho o
vavatane’eo; 17 boak’ amy haboañe peakey mañambone mb’e Seire mb’eo pake Baal-
gade am-bavatane’ i Lebanone ambane’ i Kermone; le rinambe’e o mpanjaka’e iabio
naho linafa’e vaho navetra’e. 18 Nitolom-pifandraparapak’ amo mpanjakao andro
maro t’Iehosoa. 19 Leo raik’ amy rova rey tsy nipay hifampilongo am’ Israele, naho
tsy o nte-Kive mpimone’ i Giboneo avao, kila pinao’ iareo an-kotakotake. 20 Sata’
IEHOVÀ ty nampigañe ty arofo’ iareo, hañotakotake am’ Israele, soa te ho vata’e
mongoreñe, tsy mone ho tretrezeñe fa ho fongoreñe iaby ami’ ty nandilia’ IEHOVÀ i
Mosè. 21 Ie henane zay, nimb’eo t’Iehosoa le naitoa’e am-bohibohits’ey o nte-Anàkeo,
boake Kebrone, boake Debire, boak’ Anabe, naho boak’ am-bohibohi’ Iehodà ao iaby
vaho am-bohibohi’ Israele ao iaby; nimongore’e naho o rova’eo. 22 Leo raik’ amo
nte-Anakeo tsy nengañe an-tane’ o ana’ Israeleo, naho tsy o sehanga’e e Gaza naho
e Gate vaho e Asdodeo avao. 23 Aa le tinava’ Iehosoa i hene taney, ty amy tsinara’
IEHOVÀ amy Mosèy; natolo’ Iehosoa amy Israele zay ho lova ty amo vilo’eo naho o
fifokoa’eo. Vaho nitofa amy aliy i taney.

# 12

1 Irezao o mpanjaka’ o tane linafa’ o ana’ Israeleo te tinava’ iareo o tane’eo alafe’
Iardeneio mb’amy fanjiriha’ i àndroy añe; boak’ am-bavatane’ i Arnone pak’am-
bohi’ i Kermone, naho i Arabà maniñanañe mb’eoo: 2 I Sihone mpanjaka’ o nte-
Amore nimoneñe e Khesboneo naho nifehe boak’e Aroere, añ’ olom-bavatane’ i
Arnone an-teñateña’ i vavataney, naho ty vaki’ i Gilade* pak’ an-tsaka’ Iabok’ añ’
efe’ o nte-Amoneo; 3 naho i Arabà pak’ an-dRia-Kinerote, maniñanañe, naho mb’ an-
dRiak’ Arabá, i Riake Siray maniñanañe, mb’ am-Bete-Iesimote naho atimo ambane’
o hereretsa’ i Pisgào; 4 naho ty fari’ i Oge mpanjaka’ i Basane, ty sehanga’ o nte-
Refà† nimoneñe e Astarote naho e Edreio, 5 naho nifehe ty vohi-Kermone, naho i
Salkà, naho i Basane iaby pak’ am-pari’ o nte-Gesoreo naho o nte-Maakateo, naho
ty vaki’ i Gilade pak’ añ’ efe tane’ i Sihone mpanjaka’ i Khesbone. 6 Linafa’ i Mosè
mpitoro’ IEHOVÀ naho o ana’ Israeleo iereo; le natolo’ i Mosè mpitoro’ IEHOVÀ amo
nte-Reobeneo naho amo nte-Gadeo vaho amy vakim-pifokoa’ i Menasèy i taney ho
fanañañe.

* 12:2 Gilade: ty antontan-talily † 12:4 Refà: Gen. 6:2,4 fitraofa’ondaty & anjely

[7] Intoy ka o mpanjaka' ty tane linafa' Iehosoa naho o ana' Israeleo alafe' Iardeney
mañandrefañeo, boake Baal-Gade am-bavatane' i Lebanone pak' amo haboañe
peakeo, i mionjomb'e Seire mb'eoy; natolo' Iehosoa amo fifokoa' Israeleo zay ho
fanañañe ty amo firimboña'eo; [8] Ambohibohitsey, naho an-tane kolemake naho amy
Arabà añe naho am-panongam-bohitseo naho am-patrambey añe, naho atimo añe; i
nte-Khetey, i nte-Amorey, i nte-Kanàney, i nte-Kivey, vaho i nte-Iebosiý; [9] i mpanjaka'
Ierikoy, raike; ty mpanjaka' i Ay añ' ila' i Betele eo, raike; [10] ty mpanjaka' Ierosalaime,
raike; ty mpanjaka' i Kebrone, raike; [11] ty mpanjaka' Iaremote, raike; ty mpanjaka'
i Lakise, raike; [12] ty mpanjaka' i Eglone, raike; ty mpanjaka' i Gezere, raike; [13] ty
mpanjaka' i Debire, raike; ty mpanjaka' i Gedere, raike; [14] ty mpanjaka' i Kormà,
raike; ty mpanjaka' i Arade, raike; [15] ty mpanjaka' i Libnà, raike; ty mpanjaka' i
Adolame, raike; [16] ty mpanjaka' i Makedà, raike; ty mpanjaka' i Betele, raike; [17] ty
mpanjaka' i Tapoà raike; ty mpanjaka' i Hefere, raike; [18] ty mpanjaka' i Afeke, raike; ty
mpanjaka' i Lesarone, raike; [19] ty mpanjaka' i Madone, raike; ty mpanjaka' i Katsore,
raike; [20] ty mpanjaka' i Simeron-merone, raike; ty mpanjaka' i Aksafe, raike; [21] ty
mpanjaka' i Tànake, raike; ty mpanjaka' i Megido, raike; [22] ty mpanjaka' i Kedese,
raike; ty mpanjaka' Iokneame e Karmele, raike; [23] ty mpanjaka' i Dore am-pari' i
Dore, raike; ty mpanjaka' i Goìme e Gilgale, raike; [24] ty mpanjaka' i Tirzà, raike. I
mpanjaka rey: telo-polo-raik'amby.

## 13

[1] Naho fa nigain-kantetse t'Iehosoa ie fa nanjo taoñe maro; le hoe ty nitsarae'
IEHOVÀ ama'e: Fa bey rehe, naho maro taoñe, vaho mbe bey o tane mbe ho
tavaneñeo. [2] Inao ty tane mbe sisa: ze hene efe-tane' o nte Pilistio naho o nte-
Gesore iabio; [3] boak'e Sihore aolo' i Mitsraime pak'añ'efe-tane Ekrone mañavaratse, i
volilieñe amo nte-Kanàneo; i mpifeleke lime' o nte-Pilistio: i nte Gazay, i nte-Asdodey
naho i nte-Askeloney, i nte-Gitiy, vaho i nte-Ekroney; tovo'e i nte-Avý [4] atimoy;
ty hene tane' o nte-Kanàneo, naho i Mearà a' o nte-Tsidoneo, pak' Afeke, pak'
añ' efe-tane' o nte-Amoreo; [5] naho ty tane' o nte-Gebaleo, naho i Lebanone iaby
mb'amy fanjirihan' àndroy mb'eo, boake Baal-gade ambane' i Vohi-Kermoney pak'
am-pimoahañe mb'e Kamate; [6] ze hene mpimoneñe ambohibohitse boake Lebanone
pake Misrefote-maime, o nte Tsidone iabio; ho roaheko aolo' o ana' Israeleo; f'ie
zarao amy Israele hey, ho lova, amy nandiliako azoy.
[7] Ie amy zao, zarao ho lova amy fifokoa sive rey naho amy vakim-pifokoa' i Menasèy
i tane zay. [8] Miharo amy vaki'e ila'ey ka ty nandrambesa' o nte-Reobeneo naho o
nte-Gadeo ty lova' iareo, i natolo' i Mosè iareo alafe' Iardeney maniñanam-b'eoy, i
natolo' i Mosè mpitoro' IEHOVÀ am' iareoy; [9] boak' Aroere, añ'olo' i vavatane Arnoney
naho i rova añivo' i vavataneiy naho i haboañe pisake boake Medebày pake Dibone
añe; [10] ze hene rova' i Sihone mpanjaka' o nte-Amore nifehe e Khesboneoy, pak'
añ' efe-tane' o ana'Amoneo; [11] naho i Gilade naho ty ampari' o nte-Gergosio miharo
amo nte-Maakatio naho ty vohi-Kermone iaby, naho i Basane iaby pake Salkà; [12] ze
fonga' fifehea' i Oge e Basane ao, ie nifeleke e Astarote naho Edrey—i sehanga' o nte-
Refàoy—o linafa'i Mosè vaho rinoa'eo. [13] Fe tsy rinoa' o ana' Israeleo o nte-Gesoreo
naho o nte-Màkatio; toe mitrao-pimoneñe am' Israele pake henaneo t'i Gesore naho
i Màkaty. [14] I fifokoa' i Leviy avao ty tsy nitolora'e lova; fa lova'e o engaeñe añ' afo
am' IEHOVÀ Andriananañahare' Israele, ty amy nitsara'ey. [15] Nanolotse amy fifokoa' o
ana' i Reobeneoy ty amo hasavereña'eo t'i Mosè. [16] Nifototse e Aroere ty efe-tane'
iareo, añ' olo' i vavatane' i Armoney, naho i rova añivo' i vavataneiy, naho ze hene
haboam-petrak' añ' ila' i Medebà añe; [17] i Khesbone naho ze hene rova'e an-kaboa-
petrakeo; i Dibone naho i Bamote-Baale, naho i Bet-baal-meone; [18] naho Iahatse, naho

i Kedemote naho i Mepaate; 19 naho i Kiriataime naho i Sibmà, naho i Zeretsahare
an-kaboa' i vavataney; 20 naho i Bete-peore, naho o firoroña' i Pisgào naho i Bete-
iesimote; 21 naho o hene rova' i haboam-petrakeio naho o fonga fifehea' i Sihone
mpanjaka' o nte-Amoreo nifehe e Khesboneo, ie linafa' i Mosè, naho o mpiaolo' i
Midianeo, i Evý, naho i Rekeme, naho i Zore, naho i Hore, naho i Reba, o roandria'
i Sihone nimoneñe amy taneio. 22 Vinono o ana' Israeleo am-pibara añivo' o ila'e
zinamañe am' iareoo ka t'i Balame mpisikily ana' i Beore. 23 Aa naho i efe-tane' o ana'
i Reobeneoy, le Iardeney ty efe'e. Zay ty lova o ana' i Reobeneo ty amo hasavereña'eo,
o rova naho tanà'eo. 24 Le nitolora' i Mosè ka ty fifokoa' i Gade, amo ana' i Gadeo,
ty amo hasavereña'eo. 25 Ty tane' iareo, le Iazere, naho ze hene rova' i Gilade naho
ty vaki' i tanen-te-Amone pak' Aroere aolo' i Rabà; 26 naho boake Khesbone pake
Ramate-hamitsepè naho i Betonime; vaho boake Makanaime pak' an-tane Debire;
27 naho am-bavatane ao: i Betarame naho i Betenimrà naho i Sokote, naho i Tsafone,
ty sisa' i tane' i Sihone, mpanjaka' i Khesbone, vaho Iardeney ro efe'e pak' añ' olon-
driake e Kinerete alafe' Iardeney maniñanañe. 28 Zay ty lova' o ana' i Gadeo ty amo
hasavereña'eo, i rova rey naho o tanà'eo.

29 Nanolotse amy vakim-pifokoa' i Menasèy ka t'i Mosè, ho amy vakim-pifokoa' o
ana' i Menasèoy ty amo hasavereña'eo. 30 Zao ty tane' iareo: Boak'e Mahanaime le
i Basane iaby, o hene fifehea' i Oge mpanjaka' i Basaneo, naho ze fonga tana' Iaire,
rova enem-polo; 31 naho ty vaki' i Gilade, naho i Astarote, naho i Edrey; o rovam-
pifehea' i Oge e Basaneo le ho a o ana' i Makire* ana' i Menasèo; ty vaki' o ana' i
Makireo ty amo hasavereña'eo.

32 Zay o lova zinara' i Mosè a monto' i Moabeo†, alafe' Iardene e Ieriko,
maniñanañe. 33 Fe tsy tinolo' i Mosè lova ty fifokoa' i Levy; fa IEHOVÀ Andria-
nañahare' Israele ro lova'e, ty amy tsinara'e am' iereo.

# 14

1 Irezao o linova' o ana' Israeleo an-tane Kanàneo, o zinara' i Eleazare mpisoroñe
naho Iehosoa ana' i None naho o talèn' anjomban-droaem-pifokoan' ana' Israeleo
am' iereo ho fanañañe; 2 an-tsapake ty nahazoañe o lovao, ty amy linili' IEHOVÀ am-
pità' i Mosèy ho a i fifokoañe sive rey naho i vaki'eiy— 3 amy te natolo' i Mosè ty
lova' i fifokoa roe naho vaki'e rey alafe' Iardeney añe; fe tsy nanolora'e anjara am'
iareo ao o nte-Levio. 4 Roe 'nio ty fifokoa' i ana' Iosefe rey, i Menasè naho i Efraime;
vaho tsy nimea' iareo anjara o nte-Levio naho tsy o rova fimoneña' iareoo naho ty
tane fiandrazañe mañohoke iareo ho amo hare'eo naho ho famahanañe iareo; 5 ze
nandilia' IEHOVÀ i Mosèy, le nanoe' o ana' Israeleo, amy fanjarañe i taneiy.

6 Nifanontoñe am' Iehosoa amy zao o ana' Iehoda e Gilgaleo; le hoe t'i Kalebe ana'
Iefonè nte-Kenize ama'e: Fohi'o i entañe tsinara' IEHOVÀ amy Mosè ondatin' Añahare
ty amako naho ama'o e Kadese-barnea añey. 7 Ni-efa-polo taon-draho te nirahe' i
Mosè mpitoro' IEHOVÀ boake Kadese-barnea hitampoñe amy taney ao; vaho nimpoly
ninday ty entan-troko. 8 Toe nampitronake ty arofo' ondatio o rahalahy nindre lia
amakoo; fe IEHOVÀ Andrianañahareko avao ty noriheko. 9 Nifanta amy andro zay t'i
Mosè, ami'ty hoe: Toe ho lovae'o naho o ana'oo nainai'e o tane liniam-pandia'oo,
amy te norihe'o ami'ty halifora'e t'IEHOVÀ Andrianañahareko. 10 Ie amy zao, hehe te
nitana' IEHOVÀ velon-draho, amy tsara'ey, i efa-polo-lim' amby taoñe boak' amy andro
nitsarà' IEHOVÀ amy Mosè i entañe zaiy, ie nirererere am-patrambey añe t'Israele;
aa le an-taom-balo-polo-lim' amby raho henaneo. 11 Fe mira amy andro nañiraha' i
Mosè ahiy ty hafatrarako androany; manahake ty haozarako henane zay ty haozarako

* 13:31 Makire: ana' i Menasè: mamarotse: † 13:32 Moabe: an-drae'e

henane zao, hahafialiako naho hiavotako vaho himoahako. 12 Aa ie henaneo, atoloro
ahy ty vohitse toy, i tsinara' IEHOVÀ amy andro zaiy, ie jinanji'o amy andro zay te
ao o nte-Anàkeo, aman-drova jabajaba naho fatratse; hera hañimb' ahy t'IEHOVÀ
vaho ho roaheko, ty amy tsara' IEHOVÀy. 13 Aa le tinata' Iehosoa; vaho natolo'e amy
Kalebe ana' Iefonè ty Kebrone ho lova. 14 Aa le ninjare lova' i Kalebe ana' Iefonè nte-
Kenize t'i Kebrone, ampara o andro zao; amy te norihe'e an-kaliforan-troke t'IEHOVÀ
Andrianañahare' Israele. 15 Kiriate-arbà ty añara' i Kebrone taolo, fa nifanalolahy
amo nte-Anàke iabio t'i Arbà. Nitofa amy aliy i taney henane zay.

# 15

1 Ty anjara' i fifokoan' ana' Iehoda ty amo hasavereña'eo an-tsapake le pak' an-
tane' i Edome naho ty fatrambei' i Tsine mb' amy Negeve* mb'eo ho efe'e atimo.
2 Ty efe-tane' iareo atimo, le boak' añ' olo' i Riake Siray hirik' amy fitolian-dakañe
mitolike mañatimoy; 3 le mb'e Negeve mb'eo pak'amy fitroara' i Akrabime sikal'
amy Tsine naho mionjomb' ami'ty ila atimo' i Kadese-barnea an-kalo' i Ketsrone
naho mionjoñe mb'e Adare vaho mitolike mb'e Karkà mb'eo, 4 ie boak' ao le
miary mb'e Atsmone vaho miakatse mb' amy oñe' i Mitsraimey, le mitakatse i riak'
ahandrefañey i efe'ey. Zay ty efe'o atimo. 5 I Riake Siray ty efe'e atiñanañe pak'
am' Iardeney. Le ty efe'e avaratse boak' am-pitolian-daka' i riakey, am-binàñe'
Iardeney, 6 le mitohy mb'e Betehoglà naho miary avara' i Bete' arabà; ie boak'
ao mionjomb' am-bato' i Bohane, ana' i Reobene mb'eo i efetsey. 7 Mibalike mb'e
Debire boak' am-bavatane' i Akore i efetsey le mañavaratse, mitolike mb'e Gilgale,
aolo' ty fitroara' i Adomime, atimo i sakay; miary amo rano' i Ensemeseo i efetsey
vaho miakatse amy rano migoangoa' i Rogeley, 8 le mionjomb' amy vavatanen'
ana' i Hinome añ' ila' i nte-Iebosiý mañatimo; zay t'Ierosalaime, naho manganike
mb' an-dengom-bohitse aolo' i vavatane' i Hinomey mañandrefa ami'ty figadoña' i
vavatanen-dRafày, mañavaratse; 9 miary ambone' i vohitsey i efetsey pak' amy rano
migoangoa' i Neftoà† naho miakatse mb' amo rova' am-bohi' i Efroneo‡ mb'eo; le
miary Efrone i efetsey pake Baalà; ie i Kiriat-iearime§ . 10 Ie amy zay miolake boake
Baalà mañandrefa pak' am-bohi-Seire naho miary mb' añila' avara' i vohi' Iearimey
mb'eo—i Kesalone zay, le mizotso mb'e Bete-Semese mb'eo vaho miary mb'e Timnà
mb'eo. 11 Le miary añ' ila' i Ekrone mañavaratse i efetsey; le miary mb'e Sikrone
mb'eo ty efe'e naho mb' amy Baalà naho miakatse mb'e Iabnile; vaho miakatse mb'
an-driak' añe i efe'ey. 12 Ty efe'e ahandrefa, le i olon-driake jabajabay. Ie ty efe-tane'
o ana' Iehodao mb'eo mb'eo ty amo hasavereña'eo.
13 Natolo'e amy Kalebe' ana' Iefonè ty ila' o anjara' o ana' Iehodaoo, ty amy
nandilia' IEHOVÀ Iehosoay, rekets' i Kiriate-Arbà, toe rae' i Anàke t'i Arbà; ty rova
atao Kebrone. 14 Natao i Kalebe soike i ana-dahi' telo' i Anàke rey: i Sesay* naho
i Ahimane† naho i Talmay‡, i ana' i Anàke rey. 15 Ie boak' ao le nionjomb' amo
mpimone' i Debireo mb'eo; natao Kiriate-sefere§ ty añara' i Debire taolo. 16 Le hoe t'i
Kalebe, Hatoloko amy ze manjevoñe i Kiriate-sefere vaho mahatavañe aze t'i Aksàe*
anak' ampelako ho vali'e. 17 Aa le tinava' i Otniele† ana'i Kenaze‡ rahalahi' i Kalebe
vaho natolo'e aze t'i Aksae anak' ampela'e ho tañanjomba'e. 18 Ie amy zao, naho
nasese ama'e i ampelay, le nosihe'e ty hihalaly tetek' aman-drae'e; aa ie nizotso amy
borìke'ey, le hoe ty asa' i Kalebe ama'e: Ino o paia'oo? 19 Hoe re: Tatao raho, kanao

* **15:1** Negeve: Atimo † **15:9** Neftoà: misokake ‡ **15:9** Efrone: deboke § **15:9** Kiriat-iearime: rova bey ala * **15:14** Sesay: eneñe; fitretrezañe † **15:14** Ahimane: rahalahim-pitàn-kavana ‡ **15:14** Talimay: rano mitoabotse; § **15:15** Kiriate-sefere: Rovan-taratasy * **15:16** Aksae: ravak' an-tsokose; mihamiñe † **15:17** Otniele; ty fotoam-pitsatohan'Añahare ‡ **15:17** Kenaze: ty fikaloañe toy; ty firovetañe

tinolo’o tane atimo ao, ehe itoloro rano manganahana. Aa le natolo’e aze i Rano
Manganahana Amboney naho i Rano Manganahana Ambaney.
[20] Zao ty lova ty fifokoa’ Iehoda ty amo hasavereña’eo. [21] O rovam-pifokoa’ o ana’
Iehodao mañatimo mb’ añ’efe-tane’ Edome§ mb’eoo le i Kab-tseel naho i Eder naho
Iagore [22] naho i Kinà naho i Dimonà naho i Adadà [23] naho i Kedese naho i Katsore
naho Iitnàne; [24] i Zife naho i Teleme naho i Bealote [25] naho i Katsore-kadatà naho
i Keriote naho i Ketsrone ze toe Katsore, [26] i Amame naho i Semà naho i Moladà,
[27] naho i Katsar-gadà naho i Kesmone naho i Betepalete [28] naho i Katsar-soale naho i
Beersevà naho i Beziotià, [29] i Baalà naho Iime naho i Etseme [30] naho i Eltolade naho
i Kesile naho i Kormà [31] naho i Tsiklage naho i Madmanà naho i Sansanà [32] naho i
Lebaote naho i Silehime naho i Aine vaho i Rimone; rova roapolo-sive’ amby rekets’
o tanà’eo. [33] Aa naho an-tane pisake, i Estaole naho i Tsoreà naho i Asnà, [34] naho i
Tsanoà naho i Enganime, i Tapoà naho i Ename, [35] Iarmote naho i Adolame, i Sokò
naho i Azekà, [36] naho i Saraime naho i Aitaime naho i Gederà vaho i Gederotaime:
rova folo-efats’ amby rekets’ o tanà’eo. [37] I Tsenane naho i Kadasà naho i Migdal-gade
[38] naho i Dileane naho i Mitspe naho Ioktile, [39] i Lakise naho i Bots-kate naho i Eglone
[40] naho i Kabone naho i Lamame naho i Kitlise [41] naho i Gederote, i Bete-dagone, naho
i Naamà vaho i Màkedà; rova folo-eneñ’ amby rekets’ o tanà’eo. [42] I Libnà, naho i
Etere naho i Asane [43] naho Iptà, naho i Asnà naho i Netsibe, [44] naho i Keilà naho
i Akzeebe vaho i Maresà: rova sive rekets’ o tanà’eo. [45] I Ekrone, rekets’ o rova’eo
naho o tanà’eo. [46] Le boak’ Ekrone pak’ an-driakey mañohoke i Asdode naho o tanà’e
iabio. [47] I Asdode rekets’ o rova’eo naho o tanà’eo naho i Aza rekets’ o rova’eo naho
o tanà’eo pak’ an-tsaka’ i Mitsraime añe, i riake jabajabay ro efe-tane’e. [48] Le amo
vohitseo: i Samire, Iatire naho i Sokò, naho [49] i Danà, naho i Kiriate-sanà (i Debire
zay), [50] i Anabe naho i Estemò naho i Enime, [51] naho i Gosene naho i Kolone vaho i
Gilò; rova folo-raik’ amby rekets’ o tanà’eo. [52] I Arabe naho i Doma naho i Eseane,
[53] naho Ianome naho i Bete-tapoà naho i Afekà, [54] naho i Kamotà naho i Kiriate-arbà
(i Kebrone zay) vaho i Tsiore: rova sive naho o tanà’eo; [55] i Maone, i Karmele naho
i Zife naho Iotà [56] naho Iezreele naho Iokdeame naho i Zanoàke, [57] i Kaine, i Gibà
vaho i Timnà: rova folo rekets’ o tanà’eo. [58] I Kalkole, i Bete-tsore naho i Gedore
[59] naho i Maarate naho i Betanote vaho i Eltekone: rova eneñe rekets’ o tanà’eo.
[60] I Kiriabat-baale, toe Kiriate-Iearime naho i Rabà: rova roe rekets’ o tanà’eo; [61] aa
naho am-patrambey añe: i Bete-arabà, i Midine, naho i Sekakà, [62] i Nisbane, naho i
rovan-tSiray, vaho i Engedý: rova eneñe rekets’ o tanà’eo. [63] Aa naho o nte-Iebosý
mpimoneñe e Ierosalaime ao, tsy naharoake iareo o nte’ Iehodao, fa mbe tambatse e
Ierosalaime ao miharo amo ana’ Iehodao pak’ androany o nte-Iebosio.

# 16

[1] Nitsatok’ am’ Iardene’ Ieriko le boak’amo rano’ Ierikoo maniñanañe mb’ am-
patrambey miakatse boak’ Ieriko ao pak’ am-bohitse Betele mb’eo ty tsapake niazo’
Iosefe*, [2] le boake Betele mb’e Loze† miary amy efe’ i Arký e Atarotey, [3] le miotake
mizotso mb’ an-driake mb’ añ’efe’ Iafletý mb’eo, mb’ añ’efe’ i Bete-korone ambane,
le mb’e Gezere mb’eo vaho mandoak’ an-driak’ añe. [4] Aa le nandrambe ty lova’
iareo i ana’ Iosefe rey: i Menasè naho i Efraime. [5] Zao ty efe’ o ana’ Efraimeo ty amo
hasavereña’ iareoo; ty efe’ i lova’ iareo ami’ty ila’e atiñana boak’ Atarote-kadare,
pake Bete-korone amboney; [6] le nimb’ ahandrefam-b’eo i efetse zay; i Mikmetà ty añ’
ila’e avaratse; maniñanañe amy zao i efetsey pake Taanate-silò añe, le milikoatse aze
mb’ atiñana mb’e Ianoake mb’eo: [7] le boake Ianoake re mizotso mb’e Atarote naho
mb’e Naarate naho mioza am’ Ieriko vaho mandoak’ am’ Iardeney mb’eo. [8] Ie boake

§ **15:21** Edome; mena, hoe lio ndra tane fiengañe; mahabibo * **16:1** Iosefe: Fitomboañe; fitompeañe; † **16:2** Loze: fifampiriàñe,

Tapoà eo, le miotake mañandrefa mb’an-driake mb’amy saka Kanày vaho mipotìtse
amy riakey. Zay ty lovam-pifokoa’ o ana’ i Efraimeo ty amo hasavereña’eo, 9 naho o
rova navaheñe ho a’ o ana’ i Efraimeo amo ana’ i Menasèo, i rova iaby rey rekets’ o
tanà’eo. 10 Tsy rinoa’ iareo o nte-Kanàne nimoneñe e Gezereo, fa tambatse añivo’ o
nte-Efraimeo pake henaneo o nte-Kanàneo mitoroñe aman-kàba.

# 17

1 Nahazo anjara an-tsapake ka ty fifokoa’ i Menasè; toe ie ty tañoloñoloña’ Iosefe;
I Makire ty tañoloñoloña’ i Menasè naho ty rae’ i Gilade, aa kanao nilahin-defoñe, ie
ty nahazo i Gilade naho i Basane*. 2 Nahazo tane an-tsapake ka o ana’ i Menasè ila’eo
ty amo hasavereña’eo; ho amo ana’ i Abiezereo†, naho o ana’ i Kelekeo‡, naho o ana’
i Asrieleo§, naho o ana’ i Sekemeo*, naho o ana’ i Hefereo†, vaho o ana’ i Semidao‡;
ie ro ana-dahi’ i Menasè, ana’ Iosefe, ty amo hasavereña’eo. 3 Fe tsy nanañ’ ana-dahy
t’i Tselofekhade§, ana’ i Hefere, ana’ i Gilade, ana’ i Makire, ana’ i Menasè, fa anak’
ampela avao, inao ty añara’ o anak’ ampela’eo: i Maklae*, i Noae†, i Koglae‡, i Milkae§
naho i Tirtsae*. 4 Nimb’ añatrefa’ i Eleatsare† mpisoroñe mb’eo iereo naho añatrefa’
Iehosoa ana’ i None, naho añatrefa’ o roandriañeo nanao ty hoe: Linili’ IEHOVÀ t’i
Mosè t’ie hitoloran-dova amo rahalahi’aio. Aa le amy lili’ IEHOVÀy, nitolora’e lova
amo longon-droae’eo. 5 Anjara folo ty nitsatoke ho a i Menasè mandikoatse i tane
Gilade naho i Basaney, alafe’ Iardeney añe; 6 amy te nanañ’ anjara amo ana-dahi’eo
i anak’ ampela’ i Menasè rey; nahazo ty tane Gilade o ana’ i Menasè ila’eo.

7 Boak’ Asere‡ pake Mikemetà§ aolo’ i Sekeme ty efe’ i Menasè; mionjomb’eo i
efetsey añ’ila’e ankavana mb’ an-kiboho’ i En-Tapoà* mb’eo. 8 A i Menasè ty tane’
i Tapoà’ fe a o ana’ i Efraimeo ty ila’ i Tapoà mifañefetse amy Menasè. 9 Mizotso
mb’ an-tsaka Kanà mb’eo i efetsey, atimo’ i sakay, (a i Efraime añivo’ i Menasè ao i
rova rey), mañolotse ty avara’ i sakay ty efe’ i Menasè vaho mandoak’ an-driakey.
10 Mañatimo ty a’ i Efraime naho mañavaratse ty a’ i Menasè, le i riakey ro efe’e;
mahatakatse i Asere t’ie avaratse naho Isakhare te atiñanañe. 11 Hoe zao o rova’ i
Menasè e Isakhare naho e Asereo: i Beteseane† naho o tanà’eo naho Ibleame‡ naho
o tanà’eo naho o mpimone’ i Dore§ naho o tanà’eo naho o mpimone’ i Endore*
rekets’ o tanà’eo, naho o mpimone’ i Taanàke† rekets’ o tanà’eo vaho o mpimone’
i Megido‡ rekets’ o tanà’eo, fifeheañe telo. 12 Tsy nahafandroake o mpimone’ i rova
reio t’i Menasè; fe nifonem-pitobok’ amy taney o nte-Kanàneo. 13 Aa naho nitombo
ty haozara’ o ana’ Israeleo le nametsaha’ iareo haba o nte-Kanàneo, fa tsy fonga
rinoake.

14 Ninday saontsy am’ Iehosoa ka o ana’ Iosefeo nanao ty hoe: Aa vaho akore
te tinolo’o anjara raike naho vaki’e ho lovako, ie oniñe te ondaty jabajaba ami’ty
fitahia’ IEHOVÀ ahy? 15 Le hoe ty natoi’ Iehosoa: Aa kanao ondaty ra’elahy rehe,
akia mb’ añ’ala mb’eo vaho hatsafo ho azo ty tanen-te Perize§ naho ty a o Rafào,
ie maifitse ama’o o vohibohi’ i Efraimeo. 16 Le hoe o ana’ Iosefeo: Tsy mahatsak’

---

* **17:1** Basane: ama nife ao; fonitse aman-tsifa † **17:2** Abiezere: Raen-imba ‡ **17:2** Keleke: anjara § **17:2** Asriele: Imban’Añahare * **17:2** Sekeme: anjara; nimpoly maraindray † **17:2** Hefere: mpihaly ‡ **17:2** Semidà: tahina’ i mahilala § **17:3** Tselof-kade: ty talinjom-pitititikite * **17:3** Maklae: kepeke; marovany; soloho † **17:3** Noae: fitofàñe; fañohòñe ‡ **17:3** Koglae: ty fitsinjaha’e § **17:3** Milkae: mpanjaka ampela * **17:3** Tirtsae: matarike, tso-po † **17:4** Eleatsare: toem-pizakàn’Añahare ‡ **17:7** Asere: Hafaleañe § **17:7** Mikemetà: Tambem-pamaoke; * **17:7** En-tapoà: ondaty siloke; amoeañ’ ay; † **17:11** Beteseane: Anjomba nife; ndra firotañe. ‡ **17:11** Ibleame: ondaty haehae; i nifotsake § **17:11** Dore: tariratse; akiba * **17:11** Endore: rano manganahana’ i Dore † **17:11** Taanake: ty mampireke azo ‡ **17:11** Megiddo: ty voka’e sarotse: mitaroñe § **17:15** Perize: mpimoneñe an-tanà-kede

anay o vohibohitseo, naho songa manan-tsarete viñe o nte-Kanàne mimoneñe am-
bavataneo, o e Beteseane naho amo tanà'eo vaho o amy vavatane' Iizreeleio. 17 Tinoi'
Iehosoa i anjomba' Iosefey, i Efraime naho i Menasè, ty hoe: Kanao ondaty jabajaba
rehe, lifots-aozarañe; tsy ho anjara raik' avao ty ho azo; 18 fe ho azo i vohibohitsey,
fa ndra t'ie ala, ho hatsafe'o, le ho azo pak'añ' efe'e lavitse añe; fa ho roahe'o o
nte-Kanàneo ndra t'ie aman-tsarete viñe, ndra te maozatse.

# 18

1 Nifanontoñe e Silò* i valobohò' o ana'Israeleoy vaho natroa' iereo i kibohom-
pamantañañey, naho fa niambaneañe i taney. 2 Fifokoañe fito amo ana' Israeleo
ty nisisa mboe tsy nandrambe o lova'eo. 3 Le hoe t'Iehosoa amo ana' Israeleo,
Pak' ombia t'ie mbe hihànkañe, tsy hizilike hitavañe i tane nitolora' Iehovà Andri-
anañaharen-droae' areoy? 4 Anoloro ondaty telo ia' o fifokoa' areoo, hañirahako;
hionjoñe mb'eo mb'eo amy taney hanokitse aze ty amo lovao; vaho himpoly amako.
5 Ho zarae' iereo fito; himoneñe an-tane'e atimo ey t'Iehodà, vaho himoneñe an-
tane' iareo avaratse ey ty anjomba' Iosefe. 6 Sokire' areo fito i taney vaho handese'
areo atoy le ho zaraeko an-tsapak' añatrefa' Iehovà Andrianañaharen-tika. 7 Toe
tsy hanañ' anjara ama' areo o nte-Levio, amy te lova' iareo ty fisoroña' Iehovà; naho
rinambe' i Gade naho i Reobene vaho ty vakim-pifokoa' i Menasè i lova natolo' i Mosè
mpitoro' Iehovà iareo alafe' Iardene atiñanañey. 8 Aa le niongake indaty rey vaho
nionjoñe mb'eo; toe nafanto' Iehosoa i nimb'eo hamolily i taney rey ami'ty hoe, Akia,
tsitsifo fañaveloañe i taney hamoliliañe aze naho mibaliha amako hanjaràko aze an-
tsapake ho anahareo añatrefa' Iehovà e Silò etoa. 9 Aa le nienga nanitsike i taney i
lahilahy rey; sinoki' iareo am-boke ty ho anjara fito ty amo rova'eo naho nibalike mb'
am' Iehosoa an-tobe e Silò mb'eo. 10 Le nanao tsatopiso ho a iareo añatrefa' Iehovà
e Silò ao t'Iehosoa; vaho zinara' Iehosoa amo ana' Israeleo i taney ty amo fifokoa'
iareoo.
11 Niazo' i fifokoa' o ana' i Beniamineoy ty amo hasavereña'eo an-tsapake ty
anjara tane' iareo añivo' o ana' Iehodao naho o ana' Iosefeo. 12 Nifototse am'
Iardeney ty efe' iareo avaratse, le mioza ami'ty avara' Ieriko i efetsey, mañambone'
o vohibohitseo mañandrefa vaho mandoak' am-patrambei' i Beitavene†; 13 boak'ao,
miranga mb'e Loze i efetsey, mioza ami'ty ila' i Loze atao Betele mañatimo. Mizotso
mb'e Atarotadare‡ i efetsey mañarine i vohitse atimo' i Bete-korone ambaney§ mb'eo.
14 Miolak' amy zao i efetsey miary mañatimo ahandrefa' i vohitse añatrefa' ty
atimo' i Bete-koroney vaho mandoake e Kiriate-baale*, atao Kiriat-iarime, rova'
o ana' Iehodao. Zay ty efe'e ahandrefa. 15 Añ'ila' i Kiriat-iarime ey ty efe'e
atimo, mañandrefa amy zao i efetsey mandoak' an-drano manganahana' i Nefotoà†;
16 mizotso mb'añ'olo' i vohitse aolo' ty vavatane' i ana' i Hinomey‡ mb'eo i efetsey, ie
i vavatane' o nte-Refao, mañavaratse, naho mizotso mb'am-bavatane' i Hinome mb'
añ' olo' ty tazoa' i nte-Iebosiý mañatimo, vaho mizotso mb'e En-Rogele§ mb'eo; 17 le
sinokitse mañavaratse le nimb' En-semese*, naho nitohy mb'e Geliote† tandrife ty
fitroara' i Adomime‡ vaho mizotso mb'amy vato' i Bohane§, ana' i Reobeney mb'eo,
18 le mb'añ'ila avara' i Bete-Arabày* naho mizotso mb'añ'Arabà mb'eo; 19 naho mb'
añ'ila' i Bete-koglà mañavaratse mb'eo i efetsey vaho mandoak' am-pitolihañe avara'

* **18:1** Silò: niraheñe † **18:12** Beitavene: anjomban-kakeo ‡ **18:13** Atarotadore: sabakan-kaozarañe § **18:13** Beterone: anjomban-dakato, fitretrezañe * **18:14** Kiriate-baale: Rova' i Baale † **18:15** Nefotoà: misokake; fisokafañe ‡ **18:16** Hinome: Heheke iereo; o vara'eo § **18:16** En: rano manganahana; Rogele: fandia: * **18:17** En-semese: fipororoahan-drano' i àndroy † **18:17** Geliote: fivarimbariñañe; votre ‡ **18:17** Adomime: mena, ankamena; maleon-dio § **18:17** Bohane: am' iereo ao; tondro-bey * **18:18** Bete-arabà: anjomba' an-diolio

i riake Siray, am-binañe' Iardene atimoy; zay ty efe'e atimo. 20 Iardeney ka ty efe'e
atiñanañe, zay ty lova' o ana' i Beniamineo, ty amo efe'e miarikatok' azeo, ty amo
hasavereña'eo. 21 O rova' i fifokoa' o ana' i Beniamineo ty amo hasavereña'eo: Ieriko,
i Bete-koglà naho ty vavatane Kezize†, 22 i Bete-Arabà naho i Zemaraime‡ naho i Betele
23 naho i Avime§ naho i Parà* naho i Oprà† 24 naho i Kefar-kaamonay‡ naho i Ofný§
vaho i Gabà*; rova folo-ro' amby rekets' o tanà'eo. 25 I Gibone naho Ramà† naho i
Birote‡ 26 naho i Mitspè§ naho i Kefirà* naho i Motsà† 27 naho i Rekeme‡ naho Irpile§
naho i Taralà* 28 naho i Tselà† naho i Elefe‡ naho Iebosý§, toe Ierosalaime, i Gibeate*
naho i Kiriate†: rova folo-efats'amby rekets' o tanà'eo. Ie o rovan' ana' i Beniamineo
ty amo hasavereña'eo.

# 19

1 Nitsatok' amy Simone* ty tsapake faha-roe ho a i fifokoa' i Simoney ty amo
hasavereña'eo; le añivo' ty lova' o ana' Iehodao ty lova' iareo. 2 Aa le ty lova' iareo:
i Beer-seva, naho i Sebà, naho i Moladà; 3 naho i Hatsar-soale, naho i Balà naho
i Atseme, 4 naho i Eltolade, naho i Betole, naho i Kormà, 5 naho i Tsiklage, naho i
Bete-markabote, naho i Katsàre-sosà, 6 naho i Bete-lebaote, vaho i Sarohene: rova
folo-telo' amby rekets' o tanà'eo. 7 I Aine, i Remone, naho i Etere vaho i Asane; rova
efatse rekets' o tanà'eo, 8 naho ze tanàñe mañohoke i rova rey pake Baal-atbeere, i
Ramate' i Atimoy. Ie ty lovam-pifokoan' ana' i Simoneo ty amo hasavereña'eo.
9 Nandivàñe amy anjara' o ana' Iehodao ty lova' o ana' i Simoneo; amy te niloho
bey ama'e ty anjara' Iehoda; aa le tañivo' ty lova' iareo ao ty lova' o ana' i Simoneo.
10 Nitsatok' amo ana' i Zeboloneo† ty tsapake faha-telo ty amo hasavereña'eo,
le nahatakatse i Saride ty efe' i lova' iareoy. 11 Mionjoñe mb'amy riakey naho
mb'e Maralà mb'eo i efetsey pake Dabasete vaho mitakatse i saka aolo' Iokneamey;
12 miolake boake Saride re maniñanañe mb' amy fanjiriha' i àndroy mb'eo pak'
amy efe' i Kislotabore vaho miakatse mb'e Daberate naho mañambone mb'e Iafià,
13 boak'ao re manonjohy maniñana pake Gita-kefere naho i Eta-katsine mb'eo vaho
miakatse mb'e Remone-metoare mb'e Neà añe; 14 miary avara'e eo i efetsey pake
Kanatone vaho mandoak' am-bavatane' Iiftakèle eo; 15 mitraok' ao ty Katàte naho i
Nahalàle, naho i Simrone, naho Idalà vaho i Betlekheme‡: rova folo-ro' amby naho
o tanà'eo. 16 Zay ty lova' o ana' i Zeboloneo ty amo hasavereña'eo, i rova rey naho o
tanà'eo.
17 Nitsatok' amy Isakhare§ ty tsapake fah' efetsee, ho a o ana' Isakhareo ty amo
hasavereña'eo. 18 Ty efe' iareo le pake Iizreele, naho i Kesolote naho i Soneme, 19 naho
i Kafaraime, naho i Sione, naho i Anakarate, 20 naho i Rabite, naho i Kisione, naho i
Ebetse, 21 naho i Remete, naho i En-ganime, naho i En-kadà, vaho i Bete-pats'tsatese;
22 mahatakatse i Tabore i efetsey naho i Sakatsome naho i Bete-semese; le mandoak'
am' Iardeney i efe' iareoy; rova folo-eneñ' amby rekets' o tanà'eo. 23 Ie ty lovam-
pifokoa' o ana' Isakhareo ty amo hasavereña'eo; i rova rey rekets' o tanà'eo.

---

† **18:21** Kezize: figadoña'e ‡ **18:22** Zemaraime: volon'Añondry § **18:23** Tanàn-koake * **18:23** Parà: rovan-tamàna † **18:23** Oprà: deboke; ana-panaloke ‡ **18:24** Kefarkaamonay: Fipalira' o nte-Amoneo § **18:24** Ofný: mahamokotse; tromambotrambo * **18:24** Geba: tamboho; fitovy † **18:25** Ramà: ambone eo; miereñereñe ‡ **18:25** Birote: vovoñe; mampidodea § **18:26** Mitspè: fitalakesañ'abo; anjoanjo * **18:26** Kefirà: ana-diona vave'e † **18:26** Motsà: tsy aman-dalivae ‡ **18:27** Rekeme: sare tsy manjofake; § **18:27** Irpile: ty fampijangana'e, ty aoli'e; * **18:27** Taralà: mitsoeke inje, ndra haozarañe † **18:28** Tselà: pake; leme; mijihejihetse ‡ **18:28** Elefe: fiohañe § **18:28** Iebosý: hinitsakitsake; lokaloka * **18:28** Gibeate: haboañe † **18:28** Kiriate: rova; tolon-draha; fivory * **19:1** Simone: i mahajanjiñey; i janjiñañey † **19:10** Zebolone: akiba; kivoho; fimoneñañe ‡ **19:15** Bet-lekeme; anjomba-mofo § **19:17** Isakhare: tambe; ondroke

24 Nitsatok’ amy fifokoa’ o ana’ i Asereoy i tsapake faha-limey ty amo
hasavereña’eo. 25 Ty efe’ iareo le i Kelkate, naho i Kalý, naho i Betene, naho i
Aksafe, 26 naho i Alameleke, naho i Amade, naho i Miseale, naho mitakatse i Karmele
ahandrefa’e añe vaho mb’e Sikore-libnate mb’eo; 27 miolake mb’amy fanjiriha’ i
àndroy re pake Bete-dagone le mahatakatse i Zebolone naho i vavatane’ Iiftakèy le
mañavaratse, mb’e Bete-meke, naho i Neiele vaho mandoake e Kabole am-pitàn-
kavia eo, 28 naho i Abrane, naho i Rekobe, naho i Kamone vaho i Kanà, pake Tsidone
bey; 29 miolake mb’amy Kormà amy zao i efetsey naho mb’an-drova fatratse atao
Tsore; miolake mb’ amy Kosà amy zao i efetsey vaho mandoak’ amy riakey; boake
Hebel pak’ Akzibe, 30 naho i Omà, naho i Afeke, vaho i Rehobe: rova roa-polo-ro’
amby rekets’ o tanà’eo. 31 Ie ty lovam-pifokoan’ ana’ i Asere ty amo hasavereña’eo,
i rova rey vaho o tanà’eo.

32 Nitsatok’ amo ana’ i Naftalio i tsapake faha-eneñey, ho a o ana’ i Naftalio ty amo
hasavereña’eo. 33 Ty efe-tane’ iareo le boake Kelefe amy sarongaza’ i Tsànanimey,
naho i Adamý, i Nekebe, naho Iagnile, pake Lakome le mandoak’ am’ Iardeney
34 miolake mañandrefa amy zao i efetsey mb’ Aznote-tabore naho miranga mb’e
Kokoke le mahatakatse i Zebolone atimo’e naho mitakatse i Asere ahandrefañe añe
vaho am’ Iehodà mb’am-panjiriha’ i àndroy mb’ am’ Iardeney mb’eo. 35 O rova’
iareo fatratseo le i Tsidime, i Tsare, naho i Kamate, i Rakate, vaho i Kinerete, 36 naho i
Adamà naho i Ramà, naho i Katsore, 37 naho i Kedese, naho i Edreý, naho i En-katsore,
38 naho Irone, naho i Migdal’El, naho i Koreme, naho i Betanate vaho i Bete-semese:
rova folo-sive’ amby rekets’ o tanà’eo. 39 Ie ty lovam-pifokoan’ ana’ i Naftaliy ty amo
hasavereña’eo; i rova rey rekets’ o tanà’eo.

40 Nitsatok’ am-pifokoan’ ana’ i Dane ty tsapake faha-fito ty amo hasavereña’eo.
41 Ty efe-tane’ iareo le i Tsorà, naho i Estaole, naho Ire-semese, 42 naho i Saal-bine,
naho i Aialone, naho Ietelà, 43 naho i Elone, naho i Timnatà, naho i Ekrone, 44 naho
i Eltekè, naho i Gibetone, naho i Baalate, 45 naho Iehoda, naho i Bene-berake, naho
i Gatrimone, 46 naho i Me-iarkone, vaho i Rakone, rekets’ i tane aolo’ Iafòy. 47 Tsy
niampe ty nitakara’ ty efe-tane’ i Dane; aa le nionjoñe haname i Leseme* o ana’ i
Daneo le tinava’ iereo naho linafa’ iareo an-dela-pibara naho nanoe’ iereo fanañañe
vaho nimoneñe ao; natao iereo Dane ty Leseme ty amy Dane rae’ iareoy. 48 Ie ty lova’
o ana’ i Dane ty amo hasavereña’eoo, i rova’e rey naho o tanà’eo.

49 Aa ie nihenefe’ iareo ty fizarañe i taney ho lova ty amo efe’eo, le tinolo’ o ana’
Israeleo lova añivo’ iareo ao t’Iehosoa ana’ i None; 50 le natolo’ iareo aze i rova niha-
lalie’ey ty amy tsara’ IEHOVÀy; i Timnatserà† am-bohi’ i Efraime ey; le namboare’e i
rovay vaho nimoneña’e. 51 Zay o lova zinara’ i Elazare‡ mpisoroñe naho Iehosoa ana’
i Noneo naho o talem-pifokoa’ o ana’ Israeleoo, ho lova an-tsapake e Silò añatrefa’
IEHOVÀ, an-dala’i kibohom-pamantañañey. Aa le nihenefe’ iareo i zara-taney.

# 20

1 Nitsara am’ Iehosoa t’IEHOVÀ ami’ty hoe: 2 Saontsio amo ana’ Israeleo ty hoe:
Tendreo o rovam-pitsolohañe nitaroñeko ama’ areo am-pità’ i Mosèo; 3 ie amy
zay, i mañoho-doza ama’ ondaty tsy nitsatrie’ey, ty hilay mb’eo, toe ho fitsoloham-
pamale-fate. 4 Ie hitriban-day mb’ ami’ty raik’ amy rova rezay, naho hijohañe an-
dalambei’ i rovay, naho hitaroñe ty aze an-dravembia’ o androanavi’ i rovaio; le
hampihovae’ iareo amy rovay vaho ho tolora’ iareo toetse himoneña’e am’ iareo.
5 Naho mañoridañe aze i mpamale-fatey le tsy hasese’ iereo am-pità’e i namonoy
amy te tsy ni-satrie’e ty nanjevoñe i rañe’ey ie tsy niheje’e taolo. 6 Himoneña’e i

* 19:47 Leseme: tahinañe; vatosoa † 19:50 Timnatsera: sare’ i àndroy; ‡ 19:51 Elazare: Imban’Añahare;

rovay ampara' te mijohañe añatrefa' ty fivory ty hizaka aze; am-para' ty fihomaha'
ty mpisorom-bey henane zay; himpoly amy zao i mpamonoy mb' an-drova'e naho
mb'añ'akiba'e, mb' amy rova nihirifa'e an-daiy.
7 Aa le navì' iareo ty Kedese e Galilà* am-bohibohi' i Naftalý† ao naho i Sekeme am-
bohibohi' i Efraime ao, vaho i Kiriate-arbà‡ (i Kebrone§ zay), am-bohibohi' Iehoda
ao. 8 Naho alafe' Iardeney, atiñana' Ieriko, le tinoro' iereo i Betsere* am-patrambey
an-tane pisakey boak' am-pifokoa' i Reobene ao, naho i Ramote† e Gilade amy fifokoa'
i Gadey, vaho i Golane‡ e Basane amy fifokoa' i Menasè. 9 Ie o rova natoro amo hene
ana' Israeleo naho amo renetane mañialo am' iareoo, te eo ty mañoho-doza ama'
ondaty tsy nitsatrie'e le añe ty itribaha'e an-day tsy hivetrake am-pità' i mpamale-
fatey am-para' ty ijohaña'e añatrefam-pivory.

# 21

1 Nañarine amy Elatsare mpisoroñe naho amy Iehosoa ana' i None, naho amo
talèm-pifokoa' o ana' Israeleo o talen-droaen-te-Levio; 2 le nisaontsy am' iereo e
Silò an-tane Kenaàne ao ami'ty hoe: Nandilia' IEHOVÀ am-pità' i Mosè ty hanolorañe
anay rova himoneña'ay rekets' o fiandrazañe mañohok' aze ho amo hare'aio. 3 Aa le
natolo' o ana' Israeleo amo nte-Levio, boak' amo fanaña' iareoo ty amy tsara' IEHOVÀy,
o rova retoa naho o fiandraza'eo. 4 Aa le niboak' an-tsapake ty ho a o hasavereña'
o nte-Kehàteo: Le niazo' o ana' i Aharone* mpisoroñe, nte-Levio, an-tsapake, am-
pifokoa' Iehodà naho am-pifokoa' i Simone, naho am-pifokoa' i Beniamine, ty rova
folo-telo amby. 5 Ty ila' o ana' i Kehàteo ro nandrambe an-tsapake boak' an-
kasavereñam-pifokoa' i Efraime naho am-pifokoa' i Dane, naho amy vakim-pifokoa' i
Menasèy: rova folo. 6 Le niazo' o ana' i Gersoneo† an-tsapake boak' an-kasavereñam-
pifokoa' Isakhare naho boak' am-pifokoa' i Asere, naho boak' am-pifokoa' i Naftalý,
vaho boak' ami'ty vakim-pifokoa' i Menasè e Basane, ty rova folo-telo' amby. 7 Le
niazo o ana' i Merarìo ty amo hasavereña'eo, an-tsapake, tam-pifokoa' i Reobene,
naho tam-pifokoa' i Gade, naho tam-pifokoa' i Zebolone, ty rova folo-ro' amby. 8 Aa le
natolo' o ana' Israeleo amo nte-Levio an-tsapake i rova rey reketse ty tane fiandrazañe
mañohoke iareo, ty amy lili' IEHOVÀ am-pità' i Mosèy.
9 Aa le natolotse boak' am-pifokoa' o ana' Iehodao naho am-pifokoa' o ana' i
Simoneo o rova toñoneñe ami'ty añara'e rezao: 10 Ho amo ana' i Aharoneo, raik'
amo hasavereñan-te-Kehàte ana' i Levio; fa a' iareo i kitsapake valoha'ey, 11 natolotse
iareo ty Kiriate-Arba, (ana' i Anàke t'i Arba)—i Kebrone zay—am-bohibohi' Iehoda
ao, rekets' o tane fiandrazañe mañohok' azeo. 12 Fe natolo' iareo amy Kalebe ana'
Iefonè ho fanaña'e ka o teteke naho tanà' i rovaio. 13 Natolo' iareo amo ana' i
Aharone mpisoroñeo t'i Kebrone naho o fiandraza'eo ho fitsoloham-pamono, naho
i Libnà reke-piandrazañe; 14 naho Iatire reke-piandrazañe naho i Estemoa reke-
piandrazañe 15 naho i Kolone reke-piandrazañe naho i Debire reke-piandrazañe;
16 naho i Aine reke-piandrazañe naho Iotà reke-piandrazañe naho i Bete-semese
reke-piandrazañe; rova sive boak' amy fifokoa roe rey. 17 Naho boak' am-pifokoa'
i Beniamine, i Gibone reke-piandrazañe naho i Gebà reke-piandrazañe, 18 naho i
Anatote reke-piandrazañe naho i Almone reke-piandrazañe: rova efatse. 19 I hene
rovan' ana' i Aharone mpisoroñe rey: rova folo-telo' amby reke-piandrazañe. 20 Aa
le o hasavereñan' ana' i Kehàte, nte-Levio, o ilan' ana' i Kehàteo: i rova niazo'

* **20:7** Galilà: laro; mivarimbariñe † **20:7** Naftalý: manao ringa ‡ **20:7** Kiriate-arbà: rova efatse; rova fah-efatse § **20:7** Kebrone: fifampilongoañe; firañetañe * **20:8** Betsere: tsampam-bahe † **20:8** Ramote: miereñereñe an-kaboañe ‡ **20:8** Golane: areare, bontoly, fivariña'e * **21:4** Arone: mpañoke; haozarañe mitoabotse † **21:6** Gersone: fañitoañe; Fiova' i fitaveañañey

iareo an-tsapake boak' am-pifokoa' i Efraime rey: 21 natolotse iareo ty Sekeme
am-bohibohi' i Efraime ao reke-piandrazañe ho rovam-pitsoloha' ty namono naho
i Gezere reke-piandrazañe 22 naho i Kib' tsaime reke-piandrazañe, naho i Bete-
korone reke-piandrazañe: rova efatse. 23 Le boak' am-pifokoa' i Dane, i Eltekè reke-
piandrazañe, naho i Gibetone reke-piandrazañe 24 naho i Ai'ialone reke-piandrazañe
naho i Gat-rimòne reke-piandrazañe: rova efatse. 25 Le boak'ami' ty vakim-pifokoa' i
Menasè, i Tanake reke-piandrazañe, naho i Gat'rimòne reke-piandrazañe: rova roe.
26 I hene rova' o ana' i Kehàte ila'eo le folo reke-piandrazañe. 27 Le boak' amy vakim-
pifokoa' ila' i Menasèy ka ty nanolorañe o ana' i Gersone amo hasavereña' i Levioo,
i Golane e Basane ao reke-piandrazañe, ho rovam-pitsoloha' ty namono ondaty naho
i Bisterà reke-piandrazañe: rova roe. 28 Le boak' am-pifokoa' Isakhare, i Kisone
reke-piandrazañe naho i Dabarè reke-piandrazañe, 29 Iarmote reke-piandrazañe, i
Enganime reke-piandrazañe, rova efatse. 30 Le boak' am-pifokoa' i Asere: i Misale
reke-piandrazañe naho i Abdone reke-piandrazañe, 31 i Kelkate reke-piandrazañe,
naho i Rekobe reke-piandrazañe: rova efatse. 32 Le tam-pifokoa' i Naftalý, i Kedese e
Galilà reke-piandrazañe ho rovam-pitsoloha' ty namono ondaty naho i Kamote' dore
reke-piandrazañe naho i Kartane reke-piandrazañe: rova telo. 33 Ze hene rova' o
nte-Gersoneo ty amo hasavereña'eo: rova folo-telo' amby reke-piandrazañe.

34 Le ho amo hasavereñan' ana' i Merario, ty sisa' amo nte-Levio: Boak' am-
pifokoa' i Zebolone, Iok'neame reke-piandrazañe, naho i Kartà reke-piandrazañe,
35 i Dimnà reke-piandrazañe, vaho i Nahalale reke-piandrazañe: rova efatse. 36 Le
boak' am-pifokoa Reobene: i Betsere reke-piandrazañe, naho Iatsà reke-piandrazañe,
37 i Kedemote reke-piandrazañe, naho i Mefaate reke-piandrazañe: rova efatse; 38 le
tam-pifokoa' i Gade, i Ramote e Gilade ao reke-piandrazañe, ho rovam-pitsoloha'
ty namono ondaty, naho i Mahanaime reke-piandrazañe, 39 naho i Khesbone reke-
piandrazañe, Iaazere reke-piandrazañe: rova efatse ty tonto'e. 40 Aa le o rova
natolotse amo ana' i Merario iabio, sisa' o nte Levio ty amo hasavereña'eo: rova
folo-ro' amby ty niazo' iareo an-tsapake. 41 Ze hene rova' o nte-Levio: rova efa-polo-
valo' amby reke-piandrazañe, añivom-panaña' o ana' Israeleo ao; 42 I rova rezay ro
songa reke-piandrazañe; le zay ty ie amy fonga rova rey.

43 Aa le hene natolo' IEHOVÀ am' Israele i tane nifantà'e hatolotse an-droae' iareoy
le nitavane' iereo vaho nimoneñañe. 44 Le nampitofà' IEHOVÀ o nañohoke iareoo ty
amo hene nifantà'e aman-droae' iareoo; vaho leo raik' amo rafelahi'eo tsy nitroatse
am' iereo, fa natolo' IEHOVÀ am-pità' iareo ze fonga rafelahi' iareo. 45 Tsy teo ty hasoa
nipoke ze nampitama' IEHOVÀ amy anjomba' Israeley, songa nitendreke.

# 22

1 Aa le kinanji' Iehosoa o nte-Reobeneo naho o nte Gadeo, naho i vakim-pifokoa' i
Menasèy, 2 le hoe re am' iereo: Fa hene nambena' areo ze nandilia' i Mosè mpitoro'
IEHOVÀ anahareo, naho hinao' areo ty feoko amy ze hene nandiliako; 3 tsy naforintse'
areo o rahalahi' areoo amy hene andro rezay pake henanekeo, fa nitana' areo ty
namantoha' IEHOVÀ Andrianañahare' areo. 4 Aa ie henane zao, fa tinolo' IEHOVÀ
Andrianañahare' areo fitofàñe o rahalahi' areoo hambañe amy tsinara'e am' iereoy;
aa le mimpolia, naho mionjona mb' an-kiboho' areo añe, mb'an-tane fanaña' areo,
i natolo' i Mosè mpitoro' IEHOVÀ alafe' Iardene añey. 5 Ehe mitomira hañoriha'
areo o fepètseo naho i Hake namantoha' i Mosè mpitoro' IEHOVÀY, ty hikoko IEHOVÀ
Andriananañahare' areo naho hañavelo amo lala'e iabio, hañambeñe o fepè'eo naho
hivontititse ama'e, hitoroñe aze an-kaampon' arofo naho an-kaliforam-pañova. 6 Zay
ty nitatà' Iehosoa iareo, le nampolie'e, vaho noly an-kiboho' iareo añe. 7 Ie amy zao,
fa natolo' i Mosè amy vakim-pifokoa' i Menasèy ty lova'e e Basane ao; fa ami'ty vaky

ila’ey ka ty nanolora’ Iehosoa añivon-droahalahi’ iareo, alafe’ Iardeney ahandrefañe
añe. Le nitata iareo t’Iehosoa, naho nampolie’e mb’ an-kiboho’ iareo añe, 8 le hoe ty
asa’e tam’ iereo: Mimpolia mb’ an-kiboho’ areo mb’eo reketse vara bey naho añombe
maro naho volafoty naho volamena naho torisìke naho viñe vaho milogologoa sikiñe
tsi-efa; le ifanjarao amo longo’ areoo i nikopahe’ areo amo rafelahi’ areoo. 9 Aa le
nienga amo ana’ Israele e Silò an-tane Kanàneo o ana’ i Reobeneo naho o ana’ i Gadeo
naho ty vakim-pifokoa’ i Menasè nimb’an-tane Gilade, mb’ an-tane’ iareo mb’eo, i
tane nitavane’ iereo ty amy lili’ IEHOVÀ am-pità’ i Mosèiy.

10 Aa ie nivotrak’ an-toetse marine Iardeney, an-tane’ i Kanàne eo, le rinanji’ o ana’
i Reobeneo, naho o ana’ i Gadeo, naho ty vakim-pifokoa’ i Menasè kitrely marine
Iardeney, ty kitrely jabajaba ho sambaeñe. 11 Jinanji’ o ana’ Israeleo amy zao ty
hoe: Hehe te namboatse kitrely añ’efe-tane’ i Kanàne, marine Iardene, ami’ty lafi’
o ana’ Israeleo o ana’i Reobeneo naho o ana’ i Gadeo, naho ty vakim-pifokoa’ i
Menasè. 12 Naho nahajanjiñe zay o ana’ Israeleo, le nifanontoñe e Silò eo i hene
valobohòn’ ana’ Israeley haname iareo añ’ aly. 13 Aa le nirahe’ o ana’ Israeleo mb’
amo ana’ i Reobeneo naho o ana’ i Gadeo vaho i vakim-pifokoa’ i Menasèy, mb’an-
tane Gilade mb’eo t’i Pinekase ana’ i Elazare mpisoroñe, 14 reketse roandria folo,
songa raik’ amo mpiaolon’ anjomba’ o fifokoa’ Israeleoo; hene talen’ anjomban-
droae’e amo Israele añ’ arivo’eo. 15 Niheo mb’ amo ana’ i Reobeneo naho o ana’
i Gadeo naho i vakim-pifokoa’ i Menasèy an-tane Gilade mb’eo iereo, vaho nilañoñe
ty hoe ama’e: 16 Hoe i valobohò’ IEHOVÀy: Ino ze o fikitrohañe nanoe’ areo aman’
Añahare’ Israele zao kanao niambohoa’ areo anindroany ty fañorihañe IEHOVÀ ie
nandranjy kitrely hiolà’ areo am’ IEHOVÀ henane zao? 17 Tsy nahaeneñe antika hao i
hakeo e Peorey, ie mb’e tsy neferan-tika pake henane, ndra te nifetsak’ amy valobohò’
IEHOVÀy ty angorosy? 18 te hitsambolitio’ areo anito ty fañorihañe IEHOVÀ? Aa kanao
miola am’ IEHOVÀ henaneo, le ho viñera’e te maray ty valobohò’ Israele. 19 Akore
arè t’ie niota-faly an-tanem-panaña’ areo, te tsy hitsaha’ areo mb’an-tanem-panaña’
IEHOVÀ, mb’ am-pimoneñan-kivoho’ IEHOVÀ mb’eo vaho mangala-panaña ama’ay ao,
fa ko miola am’ IEHOVÀ ndra ama’ay handranjia’ areo kitrely tovo’ i kitreli’ IEHOVÀ
Andrianañaharen-tikañey. 20 Tsy nandilatse hao t’i Akane ana’ i Tserà amo raha
navaheñeo ie nifetsahan-kaviñerañe ty valobohò’ Israele iaby? vaho tsy indatiy avao
ty nikoromake ty amy tahi’ey.

21 Nanoiñe amy zao o ana’ i Reobeneo naho o ana’ i Gadeo, naho i vakim-pifokoa’
i Menasèy, nanao ty hoe amo mpifelek’ arivo’ Israeleo. 22 IEHOVÀ Andrianañahare
Andrianamboatse! IEHOVÀ Andrianañahare Andrianamboatse ro maharofoanañe,
naho ho fohi’ Israele; naho fiola ndra fikitrohan-draty am’ IEHOVÀ—le ko rombahen-
jahay te anito— 23 ty nandranjia’ay ty kitrely toy hiambohoa’ay am’ IEHOVÀ; hisoroñe
ama’e ndra enga-mahakama, ndra engan-kanintsiñe, le ee t’ie ho tsoehe’ IEHOVÀ;
24 hera nanoe’ay ami’ty fivazobazora’ay t’ie amy ze añe mete hivolañe amo ana’aio
o ana’ areoo hanao ty hoe: Ino ama’ areo hao t’IEHOVÀ, Andrianañahare’ Israele,
25 ie nampañefere’ IEHOVÀ an-tika Iardeney? Aa le tsy manañ’ anjara amy IEHOVÀ
nahareo ana’ i Reobene naho ana’ i Gade; ke zay ty hampanjehara’ o ana’ areoo o
ana’aio tsy hañeveña’ iareo amy IEHOVÀ? 26 Aa le hoe ty asa’ay: handranjy kitrely, tsy
hisoroñañe, tsy hañengàñe; 27 f’ie valolombeloñe añivo anahareo naho zahay naho o
tariratse manonjohy antikañeo, hahazoa’ay mitolom-pitoroñe añatrefa’ IEHOVÀ amy
fisoroña’aio naho amo engae’aio, naho amo engam-pañanintsi’aio; vaho tsy hanao ty
hoe amo ana’aio o ana’ areoo amy ze añe zay, ty hoe: Tsy aman’ anjara am’ IEHOVÀ
nahareo. 28 Aa le hoe ty asa’ ay: Ie manao i hoe zay aman-tika ndra amo tarira’aio
amy ze añe zay, le hanao ty hoe tika: hehe te nitsikombea’ay i kitreli’ IEHOVÀ rinanjin-
droaen-tikañey, tsy ho fisoroñañe fa ho valolombeloñe añivo inahareo naho zahay.

29 Lavitse anay ty hiola am’ IEHOVÀ naho ty hiambohoa’ay am’ IEHOVÀ tsy hañoriha’ay
aze te anito, handranjia’ay kitrely hisoroña’ay ndra engan-koroañe naho tsy amy
kitreli’ IEHOVÀ Andrianañaharen-tika añatrefa’ i kivoho’ey avao.
30 Ie jinanji’i Pinekase mpisoroñe naho o roandria’ i valobohòkey naho o mpifelek’
arivo’ o ana’ Israele nindre ama’eo i lañona’ o ana’ i Reobeneo naho o ana’ i Gadeo
naho o ana’ i Menasèo zay, le ni-no’ iereo. 31 Le hoe t’i Pinekase ana’ i Elazare,
mpisoroñe amo ana’ i Reobeneo naho amo ana’ i Gadeo vaho amo ana’ i Menasèo,
Oni’ay androany te amantika t’IEHOVÀ amy te tsy nanoe’ areo ze o fiolàñe am’
IEHOVÀ zao, vaho navotso’ areo am-pità’ IEHOVÀ o ana’ Israeleo. 32 Aa le nibalike
boak’ amo ana’ i Reobene naho amo ana’ i Gade an-tane Giladeo, mb’ an-tane
Kanàne mb’amo ana’ Israeleo mb’eo t’i Pinekase ana’ i Elazare mpisoroñe naho o
roandriañeo, ninday i saontsiy am’ iereo. 33 Nino’ o ana’ Israeleo i entañe zay, le
nañandriañe an’ Andrianañahare o ana’ Israeleo naho tsy natao’ iereo ka ty hionjon-
kialy naho hanjevoñe i tane imoneña’ o ana’ i Reobeneo naho o ana’ i Gadeoy. 34 Aa le
nitokave’ o ana’ i Reobeneo naho o ana’ i Gadeo ty hoe Ede* i kitreliy: fa valolombelo
añivontika, te IEHOVÀ ro Andrianañahare.

# 23

1 Ie andro maro añe, naho fa nampitofà’ IEHOVÀ amo rafelahi’e iaby mañohoke
iareoo t’Israele vaho nigain-kantetse t’Iehosoa, nisilofen-kàanterañe, 2 le fonga kinoi’
Iehosoa t’Israele naho o talè’eo naho o mpiaolo’eo naho o mpizaka’eo naho o
mpifehe’eo le nanoe’e ty hoe: Fa bey raho, mihaantetse; 3 fa nioni’ areo ze hene
nanoe’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo amo kilakila’ ndatio ty ama’ areo; te nialy
ho anahareo t’IEHOVÀ Andrianañahare’ areo. 4 Ingo fa nizarako lova nahareo ty
amo fifokoa’ areoo, o fifeheañe sisao, boak’ am’ Iardeney, mitraok’ amo fifeheañe
fa naitoakoo, ampara’ i Riake Jabajaba mb’ am-pitsofora’ i àndroy añey. 5 IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo, ie ty handronje iareo añatrefa’ areo mb’eo vaho ho roahe’e
tsy ho ampahaisaha’ areo; le ho fanaña’ areo i tane’ iareoy, amy tsinara’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo ama’ areoy. 6 Aa le mihafatrara hahavontititse ami’ty
fañorihañe ze hene misokitse amy boke Hà’ i Mosèy ao, tsy hitsileañe ndra mb’
am-pitàn-kavana ndra havia; 7 tsy hitraofa’ areo o kilakila’ ndatio, o sisa ama’
areoo; naho tsy ho toñoneñe ty añaran’ ndrahare’ iareoo*, ko ampifantàñe, ko
itoroñañe, vaho ko iambaneañe; 8 fe tambozoro t’IEHOVÀ Andrianañahare’ areo,
manahake ty nanoe’ areo ampara’ henaneo, 9 ie fa nandroake fifeheañe ra’elahy naho
maozatse añatrefa’ areo t’IEHOVÀ; le inahareo, toe leo ondaty raike tsy nitroatse ama’
areo ampara’ henane. 10 Mañoridañe arivo t’indaty raik’ ama’ areo, kanao IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo ty mialy ho anahareo, ty amy nitsara’ey. 11 Aa le mitaoa am-
pilozohañe ty hikoko IEHOVÀ Andrianañahare’ areo. 12 F’ie hibalintoa, hipitek’ amo
sisa’ o fifeheañeo, o honka’e ama’ areoo, hañenga valy, himoaha’ areo, vaho iereo
ama’ areo, 13 le maharendreha an-katò te tsy ho roahe’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo
am-pahaisaha’ areo ka o fifeheañe retiañeo; f’ie ho fandrike naho koboñe ama’ areo,
naho fifiake an-deme’ areo, vaho fatik’ am-pihaino’ areo, ampara’ t’ie mihomak’ amy
tane soa natolo’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areoy. 14 Hehe, te mb’ amy fañaveloa’ ty
tane bey toy raho henaneo; le fohi’ areo an-kaliforam-pañova naho an-kaampon’
arofo te tsy eo ty nilesa amo hene saontsy soa tsinara’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo
ty ama’ areoo; songa nitendreke, tsy ama’e ty nipoke. 15 Ho tondroke te, manahake
te sindre nitendrek’ ama’ areo o entan-tsoa tsinara’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo
ama’ areoo, le songa hampifetsahe’ IEHOVÀ ama’ areo ka o nahatahata’eo ampara’ te
rinotsa’e an-tane soa natolo’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo atoy. 16 Ie andilara’ areo

* 22:34 Ede: valolombeloñe * 23:7 Avo 23:13

i fañina’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo linili’ey naho miveve hitoroñe ndrahare ila’e
vaho hitalaho ama’e le hisolebotse ama’ areo ty haviñera’ IEHOVÀ vaho hivetrake
aniany an-tane soa natolo’e anahareo atoy.

## 24

1 Aa le natonto’ Iehosoa e Sekeme ao o fifokoa’ Israele iabio, le kinoi’e o talè’
Israeleo naho o mpiaolo’eo naho o mpizaka’eo, naho o mpifehe’ iareoo; vaho niatrek’
añatrefan’ Añahare. 2 Le hoe t’Iehosoa am’ondaty iabio: Hoe ty tsara’ IEHOVÀ, i
Andrianañahare’ Israele: Nimoneñe alafe’ i Sakay añe o rae’ areoo taolo; i Teràke
rae’ i Avrahame naho ty rae’ i Nakore; songa nitoron-drahare ila’e. 3 Rinambeko amy
zao t’i Avrahame rae’ areo boak’ alafe’ i Sakay le niaoloako nanitsike i tane Kanàne
naho nampitomboeko o tiri’eo vaho natoloko aze t’Ietsake. 4 Natoloko am’ Ietsake
t’Iakobe naho i Esave, natoloko amy Esave ty Vohi-Seire* ho fanaña’e; nañavelo mb’e
Mitsraime mb’eo ka t’Iakobe naho o ana’eo. 5 Niraheko t’i Mosè naho i Aharone
vaho nametsahako angorosy ty Mitsraime amo fonga raha nanoako am’iareoo; ie
modo zay le nakareko boak’ ao nahareo. 6 Eka navotako boake Mitsraime ao o roae’
areoo; aa ie nipok’ amy sakay, le nañoridañe o roae’ areoo an-tsarete naho mpiningi-
tsoavala mb’ amy Ria-Binday ao o nte-Mitsraimeo. 7 Aa le nitoreo am’ IEHOVÀ iereo
naho nampivotraha’e ieñe ty añivo’ areo naho o nte-Mitsraimeo, le nendese’e ama’e
i riakey, nañopo iareo; le nahaisake o fitoloñako e Mitsraime añeo o fihaino’ areoo;
vaho nimoneñe sa lava an-dratraratra ao. 8 Nendeseko mb’an-tanen-te-Amore mb’eo
nahareo, mb’amo mpimoneñe alafe’ Iardeneio; nialia’ iareo, fe natoloko am-pità’
areo ho fanañañe o tane’ iareoo i zinevoko añatrefa’ areoy. 9 Nitroatse amy zao t’i
Balake† ana’ i Tsipore‡, mpanjaka’ o nte-Moabeo, nialy am’ Israele, le nañirake naho
kinanji’e t’i Balame ana’ i Beore, hañozoñe anahareo, 10 fe nifoneñako tsy hañaoñe i
Balame; te mone nitolom-pitata anahareo re vaho nivotsorako am-pità’e. 11 Nitsaha’
areo Iardeney naho nivotrake e Ierikò eo; le nialy ama’ areo o nte-Ierikoo, naho
o nte-Amoreo, naho o nte Perizìo, naho o nte Kanàneo, naho o nte-Kiteo, naho o
nte Girgasio, naho o nte-Kivìo vaho o nte-Iebosìo; f’ie natoloko am-pità’ areo ao.
12 Nampiaoloeko anahareo ty fanenetse nandroake iereo aolo’ areo mb’eo naho ty
mpanjaka roe’ o nte Amoreo, fa tsy ami’ty fibara’o, tsy ami’ty fàle’o. 13 Le natoloko
anahareo ty tane tsy nimokora’ areo, naho rova tsy naore’ areo, vaho fa imoneña’
areo; songa mikama an-tanem-bahe naho an-tonda olive tsy nambole’e. 14 Ie amy
zao añeveño t’IEHOVÀ le toroño an-kavañonañe naho an-katò; aitò o ‘ndrahare
nitoroñen-droae’ areo alafe’ i Sakay naho e Mitsraime añeo; le toroño t’IEHOVÀ.
15 Aa naho raty am-pahaisaha’ areo ty mitoroñe IEHOVÀ, le joboño anito te ia
ty ho toroñe’ areo; ke o ndrahare nitoroñen-droae’ areo alafe’ i Sakaio ndra o
ndrahare’ o nte-Amore an-tane imoneña’ areoo; fa naho zaho rekets’ i akibakoy,
le IEHOVÀ ro itoroña’ay. 16 Natoi’ ondatio ami’ty hoe: Lavitse anay ty hifary
IEHOVÀ, hitoron-drahare ila’e; 17 IEHOVÀ Andrianañahare, ie ty nanese antika naho
o roaen-tikañeo niakatse an-tane Mitsraime, boak’ an-trañom-pañondevozañe ao,
naho nanao o fitoloñañe ra’elahio ampahaisahan-tika naho nañaro antika amo
hene lia nañaveloan-tikañeo vaho añivo’ ondaty nirangan-tikañeo; 18 IEHOVÀ ty
nandroake o kilakila’ ondatio aolon-tika mb’eo, o nte-Amore nimoneñe an-tane
atoio; aa le hitoroñe IEHOVÀ ka zahay; amy te ie t’i Andrianañahare’ay. 19 Le hoe
t’Iehosoa am’ondatio: Tsy mahafitoroñe IEHOVÀ nahareo; Andrianañahare masin-
dRe; Andrianañahare mpamarahy; tsy hapo’e o hakeo naho tahi’ areoo 20 naho
farie’ areo t’IEHOVÀ, hitoron-drahare ankafankafa, fa hitolike hañoho-doza ama’
areo, ho mongore’e, ie fa nañasoa’e. 21 Le hoe ondatio am’ Iehosoa: Aiy avao! toe

* 24:4 Seire: volovoloe; ose; anga-draty; tio-bey † 24:9 Balake: ty mpandrotsake ‡ 24:9 Tsipore: voroñe; foly; sabaka; liolio

ho toroñe'ay t'IEHOVÀ. 22 Aa hoe t'Iehosoa am'ondatio: Valolombeloñe ama' areo
nahareo te jinobo' areo t'IEHOVÀ hitoroñe aze. Le hoe iereo: Toe valolombelon-
jahay. 23 Aa le apoho o ndrahare ankafankafa añivo' areoo, le ampirampio am'IEHOVÀ
Andrianañahare' Israele ty arofo' areo.
24 Le hoe ondatio am' Iehosoa: Hitoroñe IEHOVÀ Andrianañahare'ay zahay, le
ho haoñe'ay i fiarañanaña'ey. 25 Aa le nifañina am'ondatio t'Iehosoa amy andro
zay vaho nampijadoña'e fañè naho fèpètse e Sekeme ao. 26 Sinoki' Iehosoa amy
boke' i Han' Añaharey i saontsiy, naho rinambe'e ty vato jabajaba vaho natroa'e
ambane' ty kile an-toe-miava' IEHOVÀ ao. 27 Le hoe t'Iehosoa am'ondaty iabio, Ingo,
ho valolombeloñe aman-tika ty vato tiañe, fa tsinano'e i hene lañonañe tsinara'
IEHOVÀ aman-tikañey, aa le ho valolombeloñe ama' areo re soa t'ie tsy hitety an'
Andrianañahare' areo. 28 Aa le nampolie' Iehosoa ondatio songa mb' an-dova'e
mb'eo. 29 Ie añe, le nivilasy t'Iehosoa ana' i None, mpitoro' IEHOVÀ, ie aman-taon-jato
tsy folo. 30 Le naleve' iareo an-tane linova'e e Timnatserà, am-bohi' i Efraime, avara'
i Vohi-Gaase eo. 31 Nitoroñe IEHOVÀ t'Israele amy ze hene andro' Iehosoa naho amo
fonga andro' o androanavy nenga' Iehosoao, o nahafohiñe ze hene fitoloña' IEHOVÀ
am' Israeleo.
32 Le naleve' iereo e Sekeme añ' ila' i teteke vinili' Iakobe amo ana' i Kamore,
rae' i Sekemeoy ami'ty volafoty zato o taola' Iosefe nitakone' o ana'Israeleo boake
Mitsraimeo le nandov' aze o ana' Iosefeo. 33 Nihomake ka t'i Eleazare, ana' i Aharone
vaho naleve' iareo an-tamboho i Pinekase, ana'e, amy natolots' aze am-bohibohi' i
Efraimey.

# Mpizaka

1 Ie fa nivilasy t'Iehosoa, le nihalaly am' IEHOVÀ o ana' Israeleo ami'ty hoe: Ia ty
hionjoñe valoha'e mb'amo nte-Khanàneo ho anay, hialy? 2 Le hoe t'IEHOVÀ, Iehodà ty
hionjomb'eo fa natoloko am-pità'e i taney. 3 Le hoe t'Iehoda amy Simone rahalahi'e,
Mindreza amako mb'amy anjarakoy hialy amo nte-Khanàneo; le hindre ama'o ka
raho mb'amy anjara'oy. Aa le nindre lia ama'e t'i Simone. 4 Nionjom-beo t'Iehoda;
naho nasese' IEHOVÀ am-pità' iareo o nte-Khanàneo naho o nte-Perizeo*, vaho
binaibai' iereo e Bezeke† ty lahilahy rai-ale. 5 Nizoe' iareo e Bezek' ao t'i Adonibezeke‡,
le nialy ama'e, vaho zinama' iareo t'i nte-Khanàne naho t'i nte-Perize. 6 Fe nipoliotse
añe t'i Adonibezeke, le hinorida' iareo naho tsinepa'iareo vaho fonga kinitsi'
iareo ty tondro-beim-pità'e naho tondrobeim-pandia'e. 7 Le hoe t'i Adonibezeke,
Nitsindrok' ambanen-datàbako ao ty mpanjaka fitompolo kinitsin-tondrobeim-pitàñe
naho tondrobeim-pandia, aa le nafoten' Añahare amako i nanoekoy. Aa le napo' iareo
e Ierosalaime ao re, vaho ao ty nihomaha'e. 8 Toe fa nialy am' Ierosalaime o ana'
Iehodao, le fa tinava' iareo naho linafa' iareo an-dela-pibara, vaho namiañe afo amy
rovay.
9 Ie amy zay, nizotso hialy amo nte-Khanàne mpimoneñe am-bohibohitse ao
naho Atimo ao vaho an-tane petrak' ao o ana' Iehodao. 10 Naname o nte-Khanàne
nimoneñe e Kebroneo t'Iehoda (toe natao Kiriate'arba ty Kebrone taolo), le vinono'
iareo t'i Sesay§, naho i Akimane* vaho i Talmaý†. 11 Boak'ao re nañoridañe o
mpimone' i Debireo‡ (toe natao Kiriate-sefere§ ty Debire taolo). 12 Le hoe t'i Kalebe, Ze
mandafa i Kiriate-sefere vaho mandrambe aze, ty hitolorako i Aksae* anak' ampelako
ho vali'e. 13 I Otniele†, ana'i Kenaze‡ zai' i Kalebe ty nandrambe aze; vaho natolo'e
ama'e t'i Aksae anak'ampela'e ho tañanjomba'e. 14 Ie amy zao, naho nimb'ama'e, le
nosihe'e hihalaly tane aman-drae'e hambolea'e. Aa ie nizotso amy borìke'ey, le hoe
ty asa' i Kalebe ama'e, Ino o paia'oo? 15 Le hoe re tama'e: Fitsezo rano raho fa tane
maike ty natolo'o ahy; ehe toloro rano manganahana ka. Aa le natolo' i Kalebe aze o
manganahana amboneo naho o manganahana ambaneo.
16 Nionjoñe boak' an-drovan-tsatrañe ao o ana' i Keny§, rafoza' i Mosèo, mindre
amo ana' Iehodao, mb' am-patram-bei' Iehoda mb'eo, atimo' i Arade* ey vaho nindre
nimoneñe am' ondatio. 17 Le nindre aman-joke'e Simone t'Iehoda, le linafa' iareo o
nte-Khanàne nimoneñe e Tsefate† ao le vata'e narotsa'e. Natao Kormà‡ ty añara'
i rovay. 18 Rinambe' Iehoda ka t'i Azà§ rekets' i tane'ey naho i Askelone* rekets' i
tane'ey, vaho i Ekrone† rekets' i tane'ey. 19 Nindre am' Iehoda t'IEHOVÀ, nandroake
o am-bohibohitseo, fe tsy nahafaniotse o an-tane petrakeo ty amo saretem-bi' iareoo.
20 Le natolo'e amy Kalebe ty Kebrone‡ ty amy saontsi' i Mosèy; vaho rinoa'e boak'ao
i ana-dahi' i Anake§ telo rey.
21 Tsy nahafandroake o nte-Iebosý nimoneñe e Ierosalaimeo t'i Beniamine; le
mitrao-pimoneñe amo ana' i Beniamineo pake henane o nte Iebosìo. 22 Aa naho i

* **1:4** Perize; mpañialo † **1:4** Bezeke: helatse ‡ **1:5** Adonibezeke: hela' IEHOVÀ; talèn-kelatse § **1:10** Sesay: eneñe; tretre * **1:10** Akimane: rahalahim-pità' ankavana † **1:10** Talmay: mikalañe o ranoo; ‡ **1:11** Debire: mpilañoñe; tsara § **1:11** Kiriate-sefere: Rovam-boke * **1:12** Aksae: mihamiñe: mizilik' a' marerarera † **1:13** Otniele: fotoan'Añahare ‡ **1:13** Kenaze: mpangoroñe § **1:16** Kený: fanaña; fivilianañe; firovetañe * **1:16** Arade: borike ly † **1:17** Tsefate: i mioniñe; miatreke, manaroñe ‡ **1:17** Kormà: natokañe aman'Añahare; § **1:18** Azà: maozatse, ose * **1:18** Askelone: havesarañe; balantsy; afo bey † **1:18** Ekrone: miholitse; hinolitse ‡ **1:20** Kebrone: fifampilongoañe § **1:20** Anake: ravam-bozo

anjomba’ Iosefey, naname i Betele ka iereo vaho nolora’ IEHOVÀ. 23 Nirahe’ i anjomba’
Iosefey ty hisarisary i Betele, i nitokaveñe ty hoe Loze taoloy. 24 Nahaoniñe ondaty
niakatse i rovay i mpisary rey, le hoe iereo tama’e, Atorò anay ty lalam-pimoahañe
amo rovao, le hitretreza’ay. 25 Aa ie natoro’e ty fizilihañe amy rovay, le linafa’ iareo
am-pibara i rovay, fe napo’ iareo hañavelo mb’eo indatiy reketse ty hasavereña’e
iaby. 26 Nomb’ an-tane’ o nte Kiteo indatiy le namboatse rova vaho natao’e Loze ty
añara’e, le mbe ie henaneo. 27 Fe tsy nahafaniotse o mpimone i Betseane* naho o
tanà’eo ndra i Tànake† naho o tanà’eo, ndra o mpimone’ i Dore naho o tanà’eo, ndra
o mpimone’ Ibleame naho o tanà’eo, ndra i Megido naho o tanà’eo t’i Menasè; amy te
nifahatse amy taney o nte-Khanàne nimoneñ’ aoo. 28 Ie añe naho naozatse t’Israele
le nampandoa’e haba o nte-Khanàneo fa tsy fonga niroaheñe. 29 Tsy nahafaniotse
o nte-Khanàne nimoneñe e Gezereo ka t’i Efraime, fe nitrao-pimoneñe am’ iereo e
Gezere ao o nte-Khanàneo. 30 Tsy niroahe’ i Zebolone ka o mpimone’ i Kitroneo,
ndra o mpimone’ i Nahaloleo, le nitrao-pimoneñe am’ iereo o nte-Khanàneo vaho
nampandoàñe haba. 31 Tsy niroahe’ i Asere ka o mpimone’ i Akòo ndra o mpimone’
i Tsidoneo, ndra o Aklabeo, ndra i Kelbà, ndra i Afike, ndra i Rekobe; 32 te mone
nitrao-pimoneñe amo nte-Khanàne mpimoneñe amy taneio t’i Asere; fa tsy nilefe’e
ty naniotse iareo. 33 Tsy niroahe’ i Naftalý ka o mpimone’ i Bete’semeseo, ndra o
mpimone’ i Bet’anateo; te mone nitrao-pimoneñe amo nte-Khanàne mpimoneñe amy
taneio; aa le nampandoa’e haba o mpimone’ i Bete-semese naho Bet’anateo. 34 Nazi’
o nte-Amoreo mb’ am-bohibohitse ao o ana’ i Daneo, le tsy nenga’ iareo hizotso
mb’am-bavatane mb’eo. 35 Nimanea’ o nte-Amoreo ty himoneñe am-bohi-Karese e
Ai’ialone naho e Saalbime ao; fe nahagioke ty fità’ Iosefe vaho nanoe’e mpandoa
haba. 36 Nifototse amy fitroara’ i Akrabimey ty efe-tane’ o nte-Amoreo, boak’ amy
vatoy mañambone.

# 2

1 Nionjom-be Bokime* boake Gilgale ty anjeli’ IEHOVÀ le nanao ty hoe: Nakareko
boake Mitsraime añe, naho nampimoaheko an-tane nifantàko aman-droae’ areo ao;
vaho nanoeko ty hoe: Le lia’e tsy hifotetse amy fañinako ama’ areoy raho; 2 fe tsy
hanoa’ areo fañina o mpimone’ ty tane toio; fa harotsa’ areo o kitreli’ iareoo, f’ie tsy
nijanjiñe ty feoko; akore o nanoe’ areo zao? 3 Aa le natovoko ty hoe: Tsy ho roaheko
aolo’ areo mb’eo fa ho fatik’ an-deme’ areo, naho ho fandrik’ ama’ areo o ‘ndrahare’
iareoo. 4 Ie nagado’ i anjeli’ IEHOVÀy i tsara amo ana’ Israeleoy le nipoña-peo an-
drovetse ondatio. 5 Natao’ iareo Bokime amy zao i toetsey, vaho nanao soroñe am’
IEHOVÀ eo.
6 Le nenga’ Iehosoa hañavelo mb’eo ondatio, vaho songa nionjomb’ amy lova’ey
mb’eo o ana’ Israeleo handrambe o tane’eo. 7 Toe nitoroñe IEHOVÀ ondatio amo
hene’ andro’ Iehosoao naho amo andro’ o androanavy iaby nisisa veloñe amy
fihomaha’ Iehosoaio, o nahaoniñe ty fitoloña’ IEHOVÀ ra’elahy nanoe’e ho a Israeleo.
8 Nivilasy amy zao t’Iehosoa, ana’i None, mpitoro’ IEHOVÀ, ie ni-zato-tsi-folo taoñe
ty ha’antera’e. 9 Le nalenteke añ’ate’ o efe’ i tane linova’eio, e Timna-trese am-
bohi’ i Efraime añ’ila’ avara’ ty vohi-Gaase† ao. 10 Ie fa natontoñe aman-droae’e
o mpirai-nono ama’eo, le nitroatse amy zao ty tariratse tsy nahafohiñe IEHOVÀ
ndra o fitoloñañe nanoe’e am’ Israeleo. 11 Aa le nanao ty hatsivokarañe am-
pivazohoa’ IEHOVÀ o ana’Israeleo amy fitoroña’ iareo i Baaley. 12 Naforintse’ iareo
t’IEHOVÀ Andrianañaharen-droae’ iareo, i nampiakatse iereo tan-tane Mitsraimey,
amy fañoriha’ iareo o ‘ndrahare ankafankafao, o ‘ndrahare’ ondaty nañohoke iareoo

* 1:27 Betseane: anjomba an-tsifa; † 1:27 Tànake: i mampirek’ azo; i manoiñe azo * 2:1 Bokime:
toe-pirovetañe † 2:9 Gaase: tio-bey; fifandraparapahañe

naho nibokobokokoa' iareo le nahaviñetse IEHOVÀ. 13 Toe niambohoa' iareo t'IEHOVÀ
le nitoroñe i Baale‡ naho i Astarote. 14 Le niforoforo am' Israele ty haviñera'
IEHOVÀ, le nasese'e am-pitam-pamaoke hamaoha'e, le naleta'e am-pità' o rafelahi'e
mbeombeoo, toly ndra tsy nahafitroatse amo rafelahi'eo iereo. 15 Aa ndra ombia-mbia
ty nionjona' iareo, le natretrè' ty fità' IEHOVÀ ho ami'ty raty, ty amy tsinara' IEHOVÀ
naho i nifantà' IEHOVÀy, vaho ni-vata'e ampoheke iereo. 16 Nampitroatse mpizaka
amy zao t'IEHOVÀ handrombake iareo am-pità' o mpamaokeo. 17 F'ie tsy nañaoñe
o mpizakao, te mone niveve mb'ama' 'ndrahare ila'e, vaho nitalahoa'e; ie nalisa
nivik' amy lala' nañaveloan-droae'e mpijanjiñe o lili' IEHOVÀoy, toe tsy nipaoke. 18 Ie
nampitroatse mpizaka t'IEHOVÀ, le nindre amy mpizakay t'IEHOVÀ nandrombake iareo
am-pità' o rafelahi'eo amo hene' andro' i mpizakaio; amy te niferenaiña' IEHOVÀ ty
fiñeoñeo' iareo ty amo namorekeke vaho nanotry iareoo. 19 Ie nihomake i mpizakay,
le niamboho ka iereo, nañindra ty hatsivokara' iareo mandikoatse o satan-droae'eo,
ie nañorike 'ndrahare ila'e hitoroñañe naho hitalahoañe; Leo raike amo sata-rati'eo
tsy napo' iareo, ndra ty fitangingì' iareo. 20 Aa le nisolebatse am' Israele ty haviñera'
IEHOVÀ, vaho hoe ty natao'e: Kanao nandilatse i fañinako liniliko an-droae' iareoy
ty fifeheañe toy, vaho tsy nihaoñe' iereo ty feoko; 21 le tsy hasioko aolo' iereo o
fifelehañe nenga' Iehosoao, ie nihomake; 22 soa te iereo ty hitsoehako§ Israele, he ho
ambena' iareo ty lala' IEHOVÀ hañaveloa'e, manahake ty nañambenan-droae'e, hera
tsie. 23 Aa le nenga' IEHOVÀ o fifelehañeo, tsy niroahe'e aniany; vaho tsy nasese'e
am-pità' Iehosoa.

# 3

1 Zao o fifelehañe nenga' IEHOVÀ hitsoha'e Israele amy te tsy maro ty teo amo
fihotakotahañe amy Khanàneio; 2 soa te ho fohi' o tarira' Israeleo, hampiòha'e
hialy, o tsy naharendreke ndra inoñ' inoñe ama'e taoloo; 3 aa ie toñoneñe: le teo
o talè' lime' o nte Pilistìo naho o nte-Khanàne iabio naho o nte-Tsidoneo vaho o
nte-Kive nimoneñe am-bohi' i Libanoneo boak' am-bohim-Baale-kermone ao pak'
am-pimoahañe e Kamate añe. 4 Toe ie ty fitsohañe Israele, hampaharofoanañe ke
ho haoñe' iereo o lili' IEHOVÀ linili'e an-droae' iareo am-pità' i Mosèo. 5 Aa le nitrao-
pimoneñe amo nte-Khanàneo naho amo nte-Kiteo naho amo nte-Amoreo naho amo
nte-Perizeo naho amo nte-Kivio vaho amo nte Iebosio o ana' Israeleo; 6 nengae' iareo
o anak' ampela'eo ho valy naho natolo' iereo amo ana-dahi'eo o anak'ampela' iareoo
naho nitoroñe o 'ndrahare' iareoo 7 naho nitolon-karatiañe añatrefa' IEHOVÀ o ana'
Israeleo, ie nañaliño IEHOVÀ Andrianañahare' iareo vaho nitoroñe o Baaleo naho o
hazomangao.
8 Aa le niforoforo am' Israele ty haviñera' IEHOVÀ naho naleta'e am-pità' i
Kosane'risataime* mpanjaka' i Arame-naharaime†, vaho nitoroñe i Kosane' risataime
valo taoñe o ana' Israeleo. 9 Ie nitoreo am' IEHOVÀ o ana' Israeleo le nampitroara'
IEHOVÀ mpandrombake o ana' Israeleo hañaha iareo, toe i Otniele‡ ana' i Kenaze§ zai'
i Kalebe. 10 Nivotrak' ama'e ty Arofo' IEHOVÀ, le nizaka Israele naho nionjom-bañ' aly;
le nasese' IEHOVÀ am-pità'e t'i Kosane' risataime, mpanjaka' i Arame' naharamime
vaho zinevom-pità'e t'i Kosane' risataime. 11 Nitofa efa-polo taoñe i taney vaho
nihomake t'i Otniele ana' i Kenaze.
12 Aa le nanao haloloañe am-pivazohoa' IEHOVÀ indraike o ana' Israeleo; vaho
nampaozare' IEHOVÀ amy Israele ty fità' i Eglone*, mpanjaka' i Moabe† ty amo
hatsivokarañe nanoe' iereo am-pivazohoa' IEHOVÀo. 13 Natonto'e ama'e o ana' i

‡ **2:13** Baale: tale (talen-kokolampa) § **2:22** Its 8:2 * **3:8** Kosane-risataime: hamainten-kakeo † **3:8** Arame-naharaime; Arame-Saka roe ‡ **3:9** Otniele: fotoran'Añahare § **3:9** Kenaze: o vinily zao; o firovetañe zao * **3:12** Eglone: tamana; sarete; bontoly † **3:12** Moabe: an-drae'e

Amone naho i Amalekeo; le nionjombañ' aly am' Israele vaho tinava'e i rovan-
tsatrañey; 14 vaho nitoroñe i Eglone mpanjaka' i Moabe folo-tao-valo' amby o
ana' Israeleo. 15 Fe nikoaik' am' IEHOVÀ o ana' Israeleo le nampitroara' IEHOVÀ
mpandrombake, toe i Ehode‡, ana' i Gerà§ nte-Beniamine, ondaty fitàn-kavia; ie
ty nañitrifa' o ana' Israeleo ravoravo amy Eglone mpanjaka' i Moabe. 16 Nitsene
fibara sambe-lela'e ho ambata'e t'i Ehode, kiho raike ty andava'e vaho nasitri'e
ambane' o siki'eo, am-pè'e ankavana ao. 17 Nendese'e amy Eglone mpanjaka' i
Moabe añe amy zao i ravoravoy—toe loho sometsetse t'i Eglone. 18 Ie niheneke ty
fibanabanàñe i ravoravoy, le nampienga'e o nanese i ravoravoio, 19 fa ie ka nibalike
amo samposampo añ' ila' i Gilgaleo, le nanao ty hoe, manan-ko bisibisiheñe ama'o
raho, ry mpanjaka; le hoe re: Mianjiña! Vaho niakatse añe iaby o mpijohañe marine
azeo. 20 Le niheo mb'ama'e mb'eo ty Ehode, ie niambesatse am-bangý añ'efe'e
ambone ao, le hoe t'i Ehode ama'e, minday tsara ho azo raho boak' aman' Añahare.
Niongak' amy fiambesa'ey amy zao re, 21 le nampitakare' i Ehode amy zao ty fitan-
kavia'e handrambesa'e i fibara am-pè'e havanay vaho tinombo'e an-tro' i Eglone,
22 le nitsorofotse reke-taho'e i lela'ey naho nakite' i havondra'ey i lela'ey vaho tsy
nahafakare'e boak' an-tro'e ao i fibaray, te mone leotse ty niakatse. 23 Niavotse
mb'am-pimoaham-beo t'i Ehode le narindri'e ama'e ty lala' i efetse amboney vaho
nahili'e. 24 Ie niavotse le nimb'eo o mpitoro'eo, fe nahatendreke te nihily o lala' i
efetseio le hoe ty asa' iareo: Hera misafo-pandia re añ'anjomban' asara'e ao. 25 Aa
ie nandiñe eo am-para' te nidaba, akore! ie tsy manokake o lalan' anjombaio, le
nangala' iareo lahin-dakilè naho nanokake, Vaho hehe te niforetrake, fa nihomake
eo i talè' iareoy. 26 Aa kanao nitambatse ela, nahabotitsike t'i Ehode le nirangae'e
o samposampoo vaho nipitsike mb'e Seirate* mb'eo. 27 Ie nimoak' ao le nampipopò
tsifan' añondry am-bohi' Efraime ey vaho nizotso nindre ama'e mb'eo o ana' Israeleo
boak' an-kaboañe ao, ie niaolo, 28 naho nanoa'e ty hoe, Oriho raho, fa natolo' IEHOVÀ
am-pità' areo o nte-Moabe rafelahi' areoo. Aa le norihe' iereo naho nandrambe ty
fitsaha' Iordane tandrife i Moabe vaho tsy nenga' iareo hitsahañe. 29 Zinama' iareo
amy Moabe tañ' andro zay ty lahilahy rai-ale, songa vondrake, fonga lahindefoñe, leo
raike tsy nahapoliotse. 30 Aa le nafotsak' ambanem-pità' Israele t'i Moabe amy andro
zay vaho nitofa valompolo taoñe i taney.
31 Nanonjohy zay t'i Samgare† ana' i Anate‡. Nandafa lahilahy nte-Pilisty enen-jato
ami'ty faroa-bosy; ie ka ty nandrombake Israele.

# 4

1 m Aa ie nivilasy t'i Ehode le nanao haratiañe am-pivazohoa' IEHOVÀ indraike
o ana' Israeleo. 2 Le naleta' IEHOVÀ am-pità' Iabine*, mpanjaka' i Khanàne,
mpifehe' i Kastore† iereo; i Siserà‡ ty nifeleke o lahindefo'eo naho nimoneñe e
Karosete'§ambahiny. 3 Nikaikaik' amy IEHOVÀ o ana' Israeleo, amy t'ie aman-tsarete
vy sivan-jato, vaho vata'e namorekeke o ana' Israeleo roapolo taoñe.
4 Nizaka Israele tañ' andro zay ty rakemba atao Deborae*, mpitoky, vali' i Lapidote†.
5 Nimoneñe ambane satrañe añivo' i Ramà‡ naho i Betele am-bohi' i Efraime eo t'i
Deborae, vaho nionjomb' ama'e mb'eo o ana' Israeleo ho zakae'e. 6 Nampihitrife'e
naho nikanjie'e t'i Barake§, ana' i Abinoame*, boake Kedese e Naftalý añe le nanoa'e

‡ **3:15** Ehode: i mandrengey § **3:15** Gera: misese; hotakotake; fifandierañe * **3:26** Seirate: volovoloe; ose; kokolampa; † **3:31** Samgare: renetane; ambahiny atoy ‡ **3:31** Anate: Vale'e * **4:2** Jabine: ty mahafohiñe; mamboatse † **4:2** Kastore: kiririsa: ahetse maike; ‡ **4:2** Siserà: ty hahaoniñe soavala § **4:2** Kasorete: ala; ava,; moañe; fianjiñañe * **4:4** Deborae: tsara: rene tantele † **4:4** Lapidote: failo ‡ **4:5** Ramà: haboañe, manoro hakarapiloañe § **4:6** Barake: helatse; ndra enge * **4:6** Abinoame: raen-kasoa

ty hoe, Tsy fa nandily azo hao t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: ami'ty hoe: Akia
harineo ty vohi-Tabore naho endeso lahindefo rai-ale amo ana' i Naftalio naho amo
ana' i Zeboloneo? 7 Le ho tariheko mb' ama'o mb' amy saka Kisoney mb'eo t'i Siserà,
mpifele' i mpirai-lahin-defo' Iabiney, rekets' o sarete'eo naho i valobohò'ey; vaho
hatoloko am-pità'o. 8 Le hoe t'i Barake tama'e, Kanao hindreza'o lia, le handeha
raho; fe naho tsy indreza'o, zaho tsy homb'eo. 9 Le hoe re, Toe hindrezako, fe tsy
hahazoa'o engeñe ty lala homba'o; fa haleta' IEHOVÀ am-pitàn-drakemba t'i Siserà.
Niongak' amy zao t'i Deborae, nindre lia amy Barake mb'e Kedese mb'eo.
10 Kinai' i Barake t'i Zebolone naho i Naftalý hifanontoñe ama'e e Kedese ao; aa
le nionjom-beo am-pandia ty rai-alen-dahy vaho nindre ama'e t'i Deborae. 11 Ie amy
zao fa nifampiria amo nte-Kenio† t'i Kevere‡, nte-Kený, ana' i Kobabe§ rafoza' i Mosè
vaho nañoren-kibohotse a monto' i Tsa'ananime* añ' ila' i Kedese eo. 12 Natalily amy
Siserà te nionjomb' am-bohi' Tabore mb'eo t'i Barak' ana' i Abinoame. 13 Natonto'
i Siserà amy zao o sarete'e iabio, i sarete viñe sivan-jato rey, naho nindre ama'e
i valobohò'e boake Karosete-goime añey pak' an-tsaka Kisone eo. 14 Aa le hoe t'i
Deborae amy Barake. Miongaha, itoy ty andro nanolora' IEHOVÀ i Siserà am-pità'o.
Tsy fa niaolo Azo hao t'IEHOVÀ? Aa le nizotso boak' am-bohi-Tabore ao t'i Barak'
am-pañorihañe ty rai-alen-dahy. 15 Navalitsikota' IEHOVÀ amy zao t'i Siserà naho o
sarete'e iabio, naho i valobohò'ey andela-pibara añatrefa' i Barake, aa le nizotso
amy sarete'ey t'i Siserà vaho nibolititse mb'eo am-pandia. 16 Hinorida' i Barake o
sareteo naho i valobohòkey pake Karosete-goime añe naho fonga zinama'e an-dela-
pibara ty valobohò' i Siserà vaho tsy napo'e sehanga'e. 17 F'ie nipoliotse am-pandia
mb'an-kiboho' Iaele† tañanjomba' i Kevere nte-Kený mb'eo, amy te nifampilongo ty
anjomba' Iabine mpanjaka' i Katsore naho ty anjomba' i Kevere nte-Kený. 18 Niakatse
mb'eo t'Iaele nifanalaka amy Siserà, vaho hoe re tama'e, Mitoliha, ry talèko, mitsilea
mb' amako mb'etoa; le ko hembañe. Aa ie nitsile mb'ama'e mb' an-kiboho'e ao,
le sinaro'e bodo mateveñe. 19 Le hoe re tama'e, Ehe anjotsò rano tsy ampeampe
hinomako fa marandrano. Aa le sinoka'e ty korobon-dronono naho nazotso'e hikama
vaho sinaro'e indraike. 20 Le hoe re ama'e, Mitroara an-dalan-kibohotse ey, le ie
mivotrak' ama'o t'indaty hañontane azo ami'ty hoe: Ama' ondaty hao ty ao? Le hoe
ty hatoi'o: Aiy! 21 Rinambe' Iaele vali' i Kevere amy zao ty tsaton-kibohotse naho ty
ana-bato am-pità'e le nipiapia mb' ama'e ao le tinombo'e am-pitendreanaoli'e amy
tsatokey naho natrofa'e pak'an-tane, amy t'ie nilampo' ty rotse fa nimokotse, vaho
nihomake. 22 Aa ie nañoridañe i Siserà t'i Barake, le nifanalaka' Iaele nanao ama'e
ty hoe, Mb'etoa le hatoroko azo indaty paia'oy.
Aa ie nizilik' ama'e ao, ingo t'ie nihity eo mate, tinombon-tsatok' am-pitendrean'
aoli'e. 23 Aa le nampiambanen' Añahare amy andro zay añatrefa' o ana' Israeleo
t'Iabine mpanjaka' i Khanàne. 24 Nandreketse erike am' Iabine mpifehe' i Khanàne
ty fità' o ana' Israeleo, ampara' te narotsa' iareo t'Iabine mpifehe' i Khanàne.

# 5

1 Nisabo ty hoe amy andro zay t'i Deborae naho i Barak' ana' i Abinoame:
2 Andriaño t'IEHOVÀ
te nonjoneñe ty lohà' Israele,
naho nanolo-batañe an-tsatri'e ondatio.
3 Mijanjiña ry mpanjaka,
manokilaña ravembia ry roandriañeo;
zaho eka zaho ty hisabo am'IEHOVÀ,

† 4:11 Kený: fanaña; fivilia; hontoke ‡ 4:11 Kevere; i mihelañey; habosehañe § 4:11 Kobabe: isohañe;
kokoañe * 4:11 Tsa'ananime; mañitse; fifotsahañe † 4:17 Iaele: i mitroatsey; vik-ose

ho rengeko an-tsabo t'IEHOVÀ,
Andriananãhare' Israele.
4 Ry IEHOVÀ, ihe nionjoñe boake Seire ao
ihe niroborobo boak'an-tete' i Edome ao, nanginikinike i taney,
nifororoake o an-dikerañeo,
eka nampikojojoake rano o rahoñeo.
5 Nitranak' aolo' IEHOVÀ o vohitseo,
naho i Sinaiy* añatrefa' IEHOVÀ
Andriananãhare' Israele eo.
6 Ie tañ'andro i Samgare ana' i Anate,
faha' Iaele, ie nikoake o damokeo;
ninokitse an-dalan-tsileke
ze atao mpañavelo.
7 Hene nijihetse o mpimone' o tanañeo,
nijohañe t'Israele
ampara' te nitroatse t'i Deborae,
ie niongake ho rene' Israele.
8 Fe nijoboñe 'ndrahare vao iereo,
vaho an-dalambey eo ty aly;
nitendrek' amo efats' ale' Israeleo hao ty fikalandefo ndra ty lefoñe?
9 Mitolik' amo roandria' Israeleo ty troko,
o nanolo-batañe an-tsatri'e boak' am'ondati'eo; andriaño t'IEHOVÀ.
10 Misaontsia ry mpiningi-borìke fotio,
o mpiaolo an-jakao,
naho mañavelo amy lalañey.
11 Ambone' ty feom-pitàm-pale
am-pitarihan-drano eo,
ty hitalilia' iareo
o fitoloñam-banta' IEHOVÀo,
ty asa'e mahity amo tanàñe e Israeleo,
le hizotso mb'an-dalam-bey mb'eo
ondati' IEHOVÀo henane zao.
12 Mivañona, mivañona, ry Deborae,
mitroara, mitroara, le andaharo sabo,
miongaha ry Barake, le kozozoto
mb' am-pandrohizam-b'eo
o mpirohi'oo ry ana-dahi' i Abinoame.
13 Nizotso mb'etoa o fanalolahy sehanga'eo;
nampifehe' IEHOVÀ ahy o maozatseo.
14 Niboake Efraime i vaha'ey
hiatreke i Amaleke;
nanonjohy aze t'i Beniamine haname ondati'oo;
niakatse i Makire o mpandilio;
naho boake Zebolone
o mahafitan-tsatilòm-panokitseo.
15 Nindre amy Deborae ka o roandria' Isakareo
nañorik' an-tomi' i Barake t'Isakare
mb'am-bavatane mb'eo;
toe ra'elahy ty fitsakorean' arofo'
o mpirai-lia' i Reobeneo.
16 Ino ty nimoneña'o an-goloboñ' ao,

* 5:5 Sinay: rongoñe; firafelahiañe

hijanjiña'o ty fibabababà'
o lia-raikeo?
Toe ra'elahy ty fitsikarahan' arofo'
o mpirai-lia' i Reobeneo.
17 Nitambatse alafe' Iordaney t'i Gilade,
nañino ka ty fitsoloha' i Dane
ankalo' o lakañeo?
Nidoñe añolon-driake añe t'i Asere,
nimoneñe am-pitolian-dakañe eo. 18 I Zebolone ty rofoko namoe'aiñe
ampara' ty fivetrahañe,
naho i Naftalý an-kaboa' o hivokeo. 19 Nimb'eo o mpanjakao nialy;
nañotakotake e Taanake
o mpanjaka' i Khanàne marine'
o rano' i Megidòo,
tsy nandrambe vola ho tambe.
20 Nialy o boak' an-dikerañeo,
nialy amy Siserà o vasiañeo
boak' amo lala'eo.
21 Sinao' ty saka Kisone iereo,
i saka haehaey, i saka' Kisoney.
Mañitsaha an-kaozarañe, ry troko.
22 Hotron-tsoavala amy zao,
godogodoin-drimatse,
ty fandrimata' o fanalohahi'eo.
23 Afatse t'i Meroze† hoe ty anjeli' IEHOVÀ,
ozoño mena o mpimone'eo,
amy t'ie tsy niavy hañolotse IEHOVÀ,
tsy nolora'iareo t'IEHOVÀ hiatrek' o lahidefoñeo.
24 Haha amo rakembao t'Iaele,
tañanjomba' i Kevere, nte-Keny;
haha re amo rakemba an-kibohotseo.
25 Rano ty nihalalie'e fe ronono ty nazotso'e;
nanjotsoa'e dero am-pinga mañeva.
26 Rinambem-pità'e i tsatokey,
ty fità'e havana rekets' ana-batom-pitoloñañe;
finofo'e amy ana-batoy t'i Sisera,
nampipotire'e ty añambone'e,
Eka, tinombo'e naho trinofa'e
o fitendrean'aoli'eo.
27 Am-pandia'e eo ty nibokobokoa'e;
nikorovoke, nandre;
am-pandia'e eo ty niondreha'e,
nilantsiñe eo, amy nihotraha'ey,
teo ty nidona'e mate.
28 Nitalake an-dalan-kede'e añe ty rene' i Siserà
nikoaik' an-tsingarakarake:
Ino ty nahatambatse i sarete'ey añe?
Akore te mihenekenek' añe avao
o laròn-tsarete'eo?
29 Nanoiñe aze o ana-donak' ampela'e mahihitseo,
Eka nifanointoiñe ama'e o fivola'eo,

† 5:23 Meroze: raha mietake; boròke

30 Hera t'ie nitendreke fikopahañe,
vaho mifanjara?
Songa ondaty aman-tsomondrara'e ndra roe;
le amy Siserà ty vara maro volo;
fikopahañe am-bolo'e ankafankafa,
satam-pitrebeke,
volom-pitoloñam-pitrebeke
ami'ty lafi'e roe,
mañeva ty fititia' o mpamaokeo?
31 Zay ty hivetraha' o rafelahi'o iabio
ry IEHOVÀ;
le hanahake i àndroy am-pionjona'e
an-kaozarañe, o mikoko Azeo.
Le nitofa efa-polo taoñe i taney.

# 6

1 Ie amy zao nanao haratiañe am-pivazohoa' IEHOVÀ o ana' Israeleo, naho nitolora'
IEHOVÀ am-pità' i Midiane* fito taoñe. 2 Le nitan-kagàñe am' Israele ty fità' o
nte-Midianeo kanao nihaly lakato ambohitsey naho kobom-pipalirañe ty amo nte-
Midianeo o ana' Israeleo. 3 Amy te, ie vata'e nitongy o ana' Israeleo, le nionjomb'eo
o nte-Midianeo naho o nte-Amalekeo vaho o anan-tatiñanañeo haname iareo,
4 hitobea'e, hampiantoe'e ty voka' i tane' Israeley pak' Azà añe, le tsy apo' iareo
e Israele ao ty hahaveloñe añondry ndra añombe ndra borìke. 5 Ie nionjoñe mb'eo
reketse hare naho kibohotse ami'ty havalobohò'e hoe valala, ie naho o rameva' iareo
tsy nihay iaheñeo, te nimoak' an-tane ao hamongots' aze. 6 Nafotsak' ambane bey
t'Israele ty amy Midiane; vaho nikoaik' am' IEHOVÀ o ana' Israeleo. 7 Aa ie nitoreo am'
IEHOVÀ o ana' Israeleo ty amy Midiane, 8 le nañitrifa' IEHOVÀ mpitoky o ana' Israeleo,
le hoe re am' iereo, Hoe ty tsara' IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele; Nakareko boake
Mitsraime añe nahareo vaho nampionjoneko hirik' an-trañom-pañondevozañe ao;
9 le nivotsorako am-pità' o nte-Mitsraimeo, naho am-pità' o namorekekeo naho
nataoko soik' añatrefa' areo vaho natoloko anahareo o tane'eo. 10 Aa hoe ty asako
ama' areo: Zaho IEHOVÀ Andrianañahare' areo; ko añeveña' areo o 'ndraharen-te-
Amoreo, ie mimoneñe an-tane'e ao, fe tsy hinao' areo ty feoko.
11 Aa le nivotrake eo ty anjeli' IEHOVÀ niambesatse ambane' ty kile' Ioase† nte-
Abiezere‡ e Ofrà añe; namofoke vare-bolè ampipiritan-divay ao t'i Gidone§ ana'e
haeta'e amo nte-Midianeo. 12 Niheo ama'e i anjeli' IEHOVÀy, le nanoe'e ty hoe: Ama'o
t'IEHOVÀ ry fanalolahio. 13 Le hoe t'i Gidone ama'e, O Talèko, kanao ama'ay t'IEHOVÀ,
ino ty nametsaha'e ze he'e zao? Aa vaho aia iaby o raha tsitantane'e natalilin-
droae'ay ama'aio, ami'ty hoe: Tsy nakare' IEHOVÀ boake Mitsraime añe hao tika? fe
naforintse' IEHOVÀ henaneo, vaho nasese'e am-pità' o nte-Midianeo. 14 Nitolik' ama'e
t'IEHOVÀ nanao ty hoe: Akia ami'ty haozara'o hañaha Israele am-pità' i Midiane;
tsy fa niraheko? 15 Le hoe re tama'e: O Talèko, akore ty haharombahako Israele?
hehe te boroka amy Menasè o taminga'aio vaho tsitso'e añ' anjomban-draeko raho.
16 Le hoe t'IEHOVÀ ama'e. Toe ho ama'o raho, le ho lafae'o hoe ondaty raike o nte-
Midianeo. 17 Aa le hoe ty natoi'e aze: Aa ie nahaoni-palalàñe am-pivazohoa'o eo, ehe
toloro viloñe te Ihe ro nitsara amako. 18 Ehe, ko mienga atoy, ampara' te harineako,
hibanabana naho hanjotsoako. Le hoe re, ho liñasako ty fibali'o. 19 Aa le nimoak'
ao t'i Gidone, nañalankañe vik' ose naho mofo tsy aman-dalivay ami'ty mona'e

* 6:1 Midiane: zaka; saroñe; lilitse † 6:11 Ioase: mioremeñe ndra miforehetse ‡ 6:11 Abiezere:
Raem-pañolotse § 6:11 Gidone: vonotroboke pozake rotsake,

efà raike; napo’e an-karoñe ao i henay naho am-pinga-kodoboñe ao i ro’ey naho
nibanabanae’e ambane’ i kiley vaho nazotso’e. 20 Aa hoe i anjeli’ Iehovày ama’e,
Rambeso o henao naho o mofo pisakeo vaho apoho amo vato tiañe le adoaño ama’e
ty ro’e. Aa le nanoe’e. 21 Natondro’ i anjeli’ Iehovà mb’ ama’e i kobay am-pità’ey le
natsovo’e i henay naho i mofo tsy aman-dalivaiy, le nisolebotse boak’ amy vatoy ty afo
namorototo i henay naho i mofo pisakey. Nienga am-pahaoniña’e amy zao t’Iehovà.
22 Aa le nioni’ i Gidone t’ie anjeli’ Iehovà; le hoe t’i Gidone, Hoy abey! ry Talè Iehovà!
te zaho nahatrea ty laharan’ anjeli’ Iehovà, tarehe naho laharañe. 23 Le hoe t’Iehovà
ama’e: Fanintsiñañe ama’o; ko hemban-drehe fa tsy hihomake. 24 Nandranjy kitrely
ho am’ Iehovà eo t’i Gidone vaho natao’e Iehovà-salome* ty añara’e; ie e Ofrà’ o
nte-Abiezeo henaneo.
25 Ie amy haleñey, le nitsara’ Iehovà ty hoe: Andrambeso bania raike ami’ty
anjomban-drae’o naho añombe fito-ay ho faharoe’e, le afetsaho ambane i kitreli’
i Baale aman-drae’oy vaho firao i Aserà marine azey; 26 le mandrajia kitrely ambone’
o lamilamio amy Iehovà Andrianañahare’o, am-pilahara’e do’e naho rambeso i
añombelahy faharoey vaho engao am-pisoroñañe amy hataen’ Aserà finira’oy. 27 Aa
le rinambe’ i Gidone ty lahilahy folo amo mpitoro’eo vaho nanoe’e i tsinara’ Iehovày.
Fe nihembañe tsy nimete nanoe’e antoandro ty amy anjomban-drae’ey naho ty am’
ondati’ i rovaio, fa nanoe’e haleñe. 28 Aa ie nitroatse maraindraiñe ondati’ i rovaio,
hehe te nirotsak’ ambane ty kitreli’ i Baale, naho finira ka i Aserà marine azey, vaho
fa nisoroñañe amy kitrely niranjieñey i añombelahy faharoey. 29 Le hoe ty nifanoa’
iereo: Ia ty nanao o raha zao? Aa naho nañontane iereo, le hoe ty asa’e: Sata’ i
Gidone ana’ Ioase zao. 30 Aa le hoe ty asa’ ondati’ i rovaio am’ Ioase; Akaro i ana’oy,
havetrake; amy te rinotsa’e ty kitreli’ i Baale; vaho finira’e i Aserà marine azey. 31 Aa
le hoe t’Ioase amo nijohañe ama’eo: Hialy ho a i Baale hao nahareo? Hañaro aze hao?
Havetrake aolo’ ty maraiñe ze hialy ho aze; aa naho ‘ndrahare re, angao harova’e
kanao eo ty nandrotsake i kitreli’ey. 32 Aa le natao Ierob’ baale† i tahina’ey ami’ty
hoe: Angao hiatrek’ aze t’i Baale amy t’ie nandrotsak’ i kitreli’ey.
33 Ie amy zao fa nifanontoñe iaby o nte-Midianeo naho o nte-Amalekeo naho o
ana’ tatiñanañeo; nitsake vaho nitobe am-bavatane’ Iizreele ao. 34 Fe nivotrak’ amy
Gidone t’i Arofo’ Iehovà le nitiofe’e i tsifay‡ le nañampea’ o nte-Abiezereo. 35 Le
nampihitrife’e ty hanitsike i Menasè, naho nireketa’e, nampihitrifa’e ka t’i Asere
naho i Zebolone vaho i Naftalý; le nionjomb’ ama’e mb’eo ka iereo nifanampe ama’e.
36 Le hoe t’i Gidone aman’ Añahare, Ho rombahe’o an-tañako hao t’Israele ty amy
tsara’oy? 37 Hehe te hapoko an-toem-pifofohañe eo ty volon’ añondry; aa naho amy
volon’ añondriy avao ty zono vaho maike iaby o taneo, le hapotako te ho rombahe’o
an-tañako t’Israele ty amy tsara’oy. 38 Aa ie zay; nañaleñaleñe re, le nifeahe’e i volon’
añondriy nañafake i zonoy vaho nahapea ty soakazo. 39 Fe hoe t’i Gidone aman’
Añahare, Ko ampisolebore’o amako ty haviñera’o naho mbe ivolañako henaneo;
angao hamentesako indraik’ amy volon’ añondriy. Ehe te i volon’añondriy avao ty
ho maike, vaho ho tsitsike zono o taneo. 40 Aa le nanoen’ Añahare zay amy haleñey;
i volon’ añondriy avao ty nimaike vaho nitsitsihen-jono o taneo.

# 7

1 Aa ie marain-tsikiake, nitroatse t’Ierob’baale, toe i Gidone, naho i valobohòke
nindre ama’ey vaho nañialo añ’ ila’ ty vovo’ i Karode* eo; ie amy zao ro tavara’ i
tobe’ o nte-Midianeoy, añ’ ila’ ty haboa’ i Morè, am-bavatane ao. 2 Le hoe t’Iehovà
amy Gidone, Loho maro amako ondaty mindre ama’oo, te hatoloko am-pità’ iareo

* 6:24 Salome: salama; fanintsiñañe † 6:32 Ierob’baale: adono hiaro-bata’e t’i Baale ‡ 6:34 Tsifa: sofare: antsivan-tsifan’ose/añondry * 7:1 Karode: daban-draha; hembañe

o nte-Midianeo hera hiebotsebora’e ami’ty hoe: Ty tañako avao ty nandrombak’
ahy. 3 Ie amy zao, taroño an-dravembia’ ondatio ke t’ie mahimahiñe he mitititititike:
apoho himpoly, hañaleñaleñe boak’ am-bohi-Gilade ao. Aa le Ro’ ale-tsi-ro’ arivo
am’ondatio ty nimpoly, vaho rai-ale ty nisisa. 4 Le hoe t’IEHOVÀ amy Gidone, Mbe
loho maro ondatio; ampizotsò mb’an-drano mb’eo, le ho tsoheko ho azo; ie amy zao,
naho anoeko ama’o ty hoe, ie ty hindre ama’o, le ho mpiama’o, vaho ze anoeko
ty hoe: Tsy hindre ama’o re, le tsy hionjoñe ka. 5 Aa le nampizotsoe’e mb’an-
drano mb’eo ondatio, le hoe t’IEHOVÀ amy Gidone, Ze misao-drano am-pameleke hoe
filelan’ amboa ro hasita’o; manahake zay o mitongaleke naho mibokoke hitohofa’eo.
6 Aa le ty ia’ ondaty nisao-drano am-pitàñe naho ninoñe am-palieo ro telon-jato;
o ila’eo fonga nitongaleke naho nibotreke te nitoho-drano. 7 Le hoe t’IEHOVÀ amy
Gidone, Ho rombaheko am’ondaty telon-jato nisaokeo, vaho hatoloko am-pità’o o nte-
Midianeo; aa le avotsoro himpoly mb’ an-toe’e añe iaby ondaty ila’eo, 8 fe rinambe’
iareo am-pitàñe ty fivati’ ondatio naho o tsifan’ añondri’ iareoo; le hene nampolie’e
mb’an-kiboho’e añe o ana’ Israele ila’eo vaho tama’e i telon-jato rey; le am-bavatane
ambane’e ey ty tobe’ o nte-Midianeo.

9 Ie amy haleñey, nanao ty hoe ama’e t’IEHOVÀ: Miongaha naho mizotsoa mb’
an-tobe mb’eo fa natoloko am-pità’o. 10 F’ie hembañe tsy te hizotso mb’eo, le
endeso hindre ama’o mb’ an-tobe mb’eo t’i Porà† mpitoro’o; 11 le ho janjiñe’o o
saontsie’eo, hampahafatrare’e o fità’oo, hizotsoa’o mb’ an-tobe mb’eo. Aa le nindre
nizotso amy Porà mpitoro’e re mb’alàfe’ o mpitan-defo’ i tobeio. 12 Nilafike hoe
kijeja mifamorohotse am-bavatane ey o nte-Midianeo naho o nte-Amalekeo naho
o anan-tatiñanañeo; vaho tsy nihay iaheñe o rameva’eo fa nitozantoza mira amo
faseñe añ’ olon-driakeo. 13 Ie nivotrak’eo t’i Gidone, inay t’indaty nitalily nofy
ami’ty rañe’e, nanao ty hoe: Nañinofy nofy raho te nahatrea vonga-mofom-bare
hordea nivarimbary mb’an-tobe’ o nte-Midianeo naho mb’amo kibohotseo mb’eo
le nidasira’e kanao nihotrake naho nivarihohoke vaho niforetrake o kibohotseo.
14 Hoe ty natoi’ i rañe’ey aze: Ts’inoñe zay naho tsy ty fibara’ i Gidone ana’ Ioase,
ana’ Israele, amy te fonga natolon’ Añahare am-pità’e o nte-Midianeo rekets’ i
valobohò’ey. 15 Ie jinanji’ i Gidone ty talili’ i nofiy naho i fandrazañañey, le nitalaho;
aa ie tafampoly an-tobe’ Israele ao, hoe ty asa’e: Miongaha, fa natolo’ IEHOVÀ am-pità’
areo ty tobe’ o nte-Midianeo.

16 Aa le zinara’e ampirimboñañe telo indaty telon-jato rey, le songa nampipoha’e
tsifan’ añondry raik’ am-pità’ ondatio reketse sini-hara kòake, naho ty failo mirekake
am-po’ o sini-harao ao. 17 Le hoe re tam’ iereo: Henteo raho, vaho tsikombeo; ie
pok’ alafe’ i tobey raho, le hanoe’ areo ze anoeko. 18 Ie popoeko i tsifay, naho o
mindre amako iabio, le tiofo ka amy ze lafe’ i tobe iabiy o tsifao, vaho ano ty hoe: Ty
fibara’ IEHOVÀ naho i Gidone! 19 Aa le nigadoñe ami’ ty efe’ i tobeio t’i Gidone naho
i lahilahy mpiama’e zato rey, amy fifotoram-pijilovañe añivoy, aa vata’e nijadoñe
o mpijiloo le pinopò’ iareo o tsifao vaho dinemo’ iareo o sini-hara am-pità’ iareoo.
20 Fonga nampipopò’ antsiva i mpirai-lia telo rey; naho dinemo’ iareo o sini-harao,
naho nizonjo failo am-pità’e havia, naho tsifa am-pità’e havana, nitioke, vaho nikoike
ty hoe: Ty fibara’ IEHOVÀ naho i Gidone. 21 Songa nijohañe an-toe’e ey avao indaty
rey nañarikatoke i tobey, le nitriban-day i valobohòkey; nikoikoike vaho nivoratsake.
22 Ie nipopò i tsifa telon-jato rey, le nampizonjoe’ IEHOVÀ ze hene ’ ondaty an-tobe ao,
sindre mb’aman-drañe’e vaho nilay pake Betesità‡ mb’e Tsererà§ mb’eo, sikal’ añ’efe’
i Abel-meholà*, marine’ i Tabate† añe i valobohòkey.

† 7:10 Porà: ty mamoa; ty mitombo ‡ 7:22 Bete’sità: anjomba’ i àndroy § 7:22 Tsererà: fiambotrahañe
* 7:22 Abel-meholà: fiñeoñeon-kasilofañe † 7:22 Tabate: hasoa

23 Hene kinoike boake Naftalý naho boak’ Asere naho boake Menasè o ana’ Israeleo
le nifanontoñe vaho nihoridañe’ iareo t’i Midiane. 24 Nampanitsihe’ i Gidone ty am-
bohibohi’ i Efraime ao ty hoe: Mizotsoa haname i Midiane le tsepaho aolo’ iareo o
rano pake Bete-barào‡ naho Iordaney ka. Aa le nifanontoñe iaby o nte-Efraimeo vaho
nitana’ iareo o rano pake Bete-barào naho Iordaney. 25 Le tsinepa’ iareo ty roandria
roe’ i Midiane, t’i Orebe§ naho i Zeèbe*; vinono’ iareo am-bato’i Orebe eo t’i Orebe,
vaho vinono’ iereo am-pipiritan-divai’ i Zeebe eo t’i Zeebe, le ie nihoridà’ iareo t’i
Midiane, nasese’ iareo mb’ amy Gidone alafe’ Iordaney mb’eo ty añambone’ i Orebe
naho i Zeebe.

# 8

1 Le hoe o nte-Efraimeo ama’e, Ino o nanoe’o anay t’ie tsy kinanji’o, ihe nionjomb’eo
hialy amy Midiane? Le nitrevohe’ iareo an-keloke. 2 Le hoe ty natoi’e, Ino ty nanoeko,
te amy nanoe’oy? Tsy lombolombo te amo valòbo’ i Abiezereo hao ty fitsindroham-
bahe’ i Efraime? 3 Ie fa natolon’ Añahare am-pità’ areo i roandria’ i Midiane rey: t’i
Orebe naho i Zeèbe? Aa le ino ty nilefeko mandikoatse i anahareoy? Niketrak’ amy
zao ty haviñera’ iareo amy saontsi’ey.
4 Nomb’ am-pitsaha’ Iordaney mb’eo t’i Gidone le nitsake, ie rekets’ indaty telon-
jato rey, nidazidazitse f’ie mbe nañoridañe avao. 5 Le hoe re amo nte-Sokoteo*,
Anjotso boko-mofo i lia-raike mañorik’ ahiy, fa mikolempañe hañoridaña’ay i Zebake†
naho i Tsalmonà‡, mpanjaka’ i Midiane. 6 Le hoe o roandria’ i Sokoteo: Am-pità’o
hao ty fità’ i Zebàke naho i Tsalmonà hamahana’ay mofo o lahin-defo’oo? 7 Le
hoe t’i Gidone, Aa ie fa natolo’ IEHOVÀ an-tañako t’i Zebàke naho i Tsalmonà, le
ho riateko am-patin-kivoke naho ropiteke ty nofo’ areo. 8 Boak’ao re nionjomb’e
Penoele§ mb’eo le nahere’e am’ iereo i saontsiy; vaho nanoiñe aze manahake i natoi’
o lahilahi’ i Sokoteoy. 9 Aa le hoe ty asa’e amo lahilahi’ i Penoeleo: Ie mibalik’ atoy am-
panintsiñañe, le harotsako o fitalakesañ’ aboo. 10 Ie amy zao, te Karkore añe reketse
lahin-defoñe va’e rai-ale-tsi-lime-arivo t’i Zebake naho i Tsalmonà. Zay ty nisisa’ i
lia-rain-tatiñanañey, fa nikoromak’ an-kotakotak’ao ty lahindefo rai-hetse-tsi-ro’ ale.
11 Aa le nionjomb’ amy Lalam-Pimoneñ’ an-Kibohotsey t’i Gidone, atiñana’ i Nobà
naho Iogbehà, vaho linafa’e i lia-raikey, amy te nierañerañe avao i firimboñañey.
12 Nilay añe t’i Zebake naho i Tsalmonà fe hinorida’ iereo naho tsinepake i mpanjaka
roe rey, i Zebake naho i Tsalmonà, vaho navalitsikota’e i valobohòkey. 13 Nibalik’ amy
hotakotakey t’i Gidone, ana’ Ioase aolo’ ty fanjiriha’ i àndroy, 14 le tsinepa’e ty ajalahy
boak’ amo nte-Sokoteo nañontane aze naho nampandrendreha’e o roandria’ i Sokote
naho o talè’eo, ondaty fitompolo-fito’ amby. 15 Nivotrak’ am’ ondati’ i Sokoteo re,
nanao ty hoe: Ingo t’i Zebake naho i Tsalmonà, o nañendaha’ areo ahio ami’ ty hoe:
am-pità’o hao ty fità’ i Zebake naho i Tsalmonà hamahana’ay ondati’o màmakeo?
16 Aa le nendese’e o roandria’ i rovaio, miharo fatike naho ropiteke vaho nanare’e
amy rezay o lahilahi’ i Sokoteo. 17 Finofopòfo’e ka ty fitalakesañ’ abo’ i Penoele vaho
navetra’e o lahilahi’ i rovaio.
18 Le hoe re amy Zebake naho i Tsalmonà: Akore v’ondaty vinono’ areo e Taboreo?
Le hoe ty toi’ iareo: Nihambañe ama’o iereo, vintañe raik’ amo anam-panjakao. 19 Le
hoe re, Nilongoko iereo, anan-dreneko; amy te veloñe t’IEHOVÀ, naho rinomba’ areo
veloñe iereo le tsy ho vinonoko nahareo. 20 Le hoe ty asa’e am’ Ietère tañoloñoloña’e:
Miongaha vonò. Fe tsy nakare’ i ajalahiy ty fibara’e; amy t’ie nihembañe fa mbe
tòra’e. 21 Le hoe t’i Zebake naho i Tsalmonà, Miongaha le miambotraha ama’ay fa

‡ **7:24** Bete-barà: ty anjomba jinobo § **7:25** Orebe: koake; * **7:25** Zeèbe: amboa hako * **8:5** Sokote: kibohotse maro † **8:5** Zebake: voa; soroñe ‡ **8:5** Tsalmonà: talinjo; sare; hazomanga faly § **8:8** Penoele: ty mahaoniñe Ia!

mira ami'ty lahilahy ty haozara'e. Aa le nitroatse t'i Gidone naho vinono'e t'i Zebake
naho i Tsalmone vaho rinambe'e o saren-jirim-bolañe am-bozon-drameva' iareoo.
22 Le hoe o ana' Israeleo amy Gidone: Mifehea anay, ihe naho i ana'oy, naho ty
anan' ana'o; fa rinomba'o am-pità' i Midiane. 23 Hoe ty natoi' i Gidone: Tsy ho
feleheko, naho tsy ho fehe' o anakoo, fa ho fehe' IEHOVÀ. 24 Le hoe t'i Gidone am'
iereo, Mihalaly ama' areo raho te songa hanolotse ahy o bangen-tsofiñe nikoahe'eo.
(Toe nivolamena o bangen-tsofi' iareoo amy t'ie nte Ismaele.) 25 Le hoe ty natoi' iareo,
Hatolo'ay an-joton-troke; Nalafi' iareo eo amy zao ty lamba vaho songa nampipoke o
bange kinopa'eo ze lahilahy. 26 Arivo tsy fiton-jato sekele ty lanja' o bange volamena
nihalalie'eo, tsy añate' zay o bange naho firavake vaho saroñe malo-mavo tamy
mpanjaka' i Midiane reio, le tsy tama'e ka o silisily nandravake ty vozon-drameva'eo.
27 Nitsene efode* ama'e t'i Gidone naho nitana'e e Ofrà, an-drova'e ao naho fonga
nanao hakarapiloañe ama'e amy toetsey t'Israele; ie ni-fandrik' amy Gidone naho
amy hasavereña'ey. 28 Aa le nampiambanèñe añatrefa' o ana' Israeleo t'i Midiane
tsy nahafiandra ty añambone'e ka. Nitofa efa-polo taoñe faha' i Gidone i taney.
29 Aa le nisitake t'Ierobaale ana' Ioase, nimoneñe añ'anjomba'e ao. 30 Nahatoly
anadahy fitompolo am-bata'e t'i Gidone, fa nimaro ty vali'e. 31 Nisamak' ana-dahy
ho aze ka i sakeza'e e Sekeme† añey, le natao'e Abimeleke‡ ty añara'e. 32 Nivilasy
am-pahantera'e soa t'i Gidone ana' Ioase, vaho nalentek' an-kibori' Ioase rae'e, e
Ofrà' o nte-Abiezereo. 33 Aa ie nihomake t'i Gidone le nandifike mb' amo Baaleo
indraike o ana' Israeleo, vaho nanoe' iareo ho 'ndrahare' iareo ty Baale-berite§. 34 Le
tsy nitiahi' o ana' Israeleo t'IEHOVÀ Andrianañahare' iareo nandrombake iareo am-
pità' o rafelahi' iareo niariseho iareo mb' etiam-beroañeo; 35 mbore tsy nanoe' iereo
vali-kare ty anjomba' Ierobaale, toe i Gidone, ty amy ze hene soa nanoe'e e Israeleo.

# 9

1 Nimb'e Sekeme mb' aman-drolongon-drene'e mb'eo t'i Abimelek' ana' Ierobaale,
ninday entañe am' iereo naho amo añ' anjomban-draen-drene'e iabio, le hoe ty asa'e:
2 Ehe misaontsia an-dravembia' ze hene' ondati' i Sekeme: Ty aia ro soa ama' areo:
he te hifelek' anahareo o ana' Ierobaaleo, indaty fitompolo rey, ke hifeleha' ty raike?
Tiahio ka te taolañ' ama' nofo' areo raho. 3 Aa le nitalily aze an-dravembia' ze
hene ondati' i Sekeme o longon-drene'eo, nanao i hoe zay iaby; le niroñe mb' am-
pañorihañe i Abimeleke ty arofo' iareo, nanao ty hoe: Rahalahin-tika 'nio. 4 Aa le
nitolora' iereo drala volafoty fitompolo boak' añ'anjomba' i Baale-berite ao, le nañeke
ondaty mpibohaboha naho kafoake hañorik' aze t'i Abimeleke. 5 Nimb' añ' anjomban-
drae'e e Ofrà amy zao re le zinama'e o rahalahi'eo, o ana' Ierobaaleo, i fitom-polo
rey, ambone ty vato eo; fe nietake t'Iotame tsitson' ana' Ierobaàle, ie ty honka'e. 6 Aa
le hene nifanontoñe o lahilahi' i Sekemeo, naho i Bere-milò* vaho nimb'eo nañory i
Abimeleke ho mpanjaka, marine' i kile am-batolahy e Sekemey.
7 Aa ie natalily am' Iotane, le nimbeo re nijohañe ambone vohi-Gerizime ey, naho
nipoña-peo nipazake ty hoe: Janjiño raho ry roandria' i Sekemeo soa te hijanjiñe
anahareo ka t'i Andrianañahare. 8 Niavotse mb'eo o hataeo te indraike hañori-
panjaka hifehe iareo le hoe iereo amy andranahakey†, Feleho zahay. 9 Fa hoe ty
natoi' i andranahakey: Hapoko hao i menakoy, zaho iasiañe aman' Añahare naho
ondatio, handenàko hitrezontrezo ambone' o hatae ila'eo? 10 Aa le hoe o hataeo
amy sakoañey, Antao hifelek' anay. 11 Fa hoe i sakoañey am' iereo, Haforintseko
hao ty hamamiko naho o voako soao, handenako hiletraletra ambone' o hatae'eo?

* 8:27 Efode: akanjom-pisoroñe mitan-kareañe † 8:31 Sekeme: anjara'e; nimpoly maraindray ‡ 8:31 Abimeleke: raeko mpanjaka § 8:33 Baale-berite: Talem-pañina * 9:6 Bete-milo: Anjomban-kaliforañe † 9:8 Zeite: Baiboly Gasy, (Anglè) : Oliva

12 Le hoe o hatae’eo amy vahey, Antao hamelek’ anay? 13 Le hoe i vahey am’ iereo,
Hadoko hao o divaikoo, i mahafale an’ Andriananañahare naho ondatioy, handenako
hionjoñe ambone’ o hataeo? 14 Le hoe o hataeo amy roipitekey, Antao hifelek’ anay.
15 Le hoe ty roipitek’ amo hataeo, Naho horiza’ areo ho mpanjaka’ areo raho, le
mb’etoa mirimboña añ’aloko etoa; fa naho tsie, le ee te hiakatse amy roipitekey ty afo
hamorototo o mendorave’ i Lebanoneo. 16 Aa naho an-kahitiañe naho havantañañe
ty nanoe’ areo mpanjaka t’i Abimeleke naho nanoe’ areo soa t’Ierobaale naho i
anjomba’ey vaho nanoe’ areo mañevam-pità’e— 17 kanao nialy ho anahareo ty raeko,
ie nitifa-by mae te nirombahe’e am-pità’ i Midiane— 18 ie nitroatse añ’ anjomban-
draeko anindroany nanjamañe o ana’eo, i fitompolo rey ambone’ i vatoy, vaho nanoe’
areo mpanjaka amo roandria’ i Sekemeo t’i Abimelek’ ana’ i mpitoro’e ampelay, amy
t’ie rahalahi’ areo— 19 aa naho toe nanoe’ areo ty hatò naho ty havañonañe am’
Ierobbaale naho amy anjomba’ey anindroany, le mirebeha amy Abimeleke vaho ee
t’ie ty hiankahak’ ama’ areo ka. 20 Aa naho tsie, le ee te hiakatse amy Abimeleke ty
afo hamorototo o roandria’ i Sekemeo naho i Bete-milòo; vaho hiboak’ amo roandria’
i Sekemeo naho i Bete-milòo ty afo hampangotomomoke i Abimeleke. 21 Nitriban-day
amy zao t’Iotane, nibotitsike mb’e Beere añe le nimoneñe ao ty amy fihembaña’e i
Abimeleke rahalahi’ey.
22 Aa ie nifelek’ Israele telo taoñe t’i Abimeleke, 23 le nahitrin’ Añahare fañahy raty
ty añivo’ i Abimeleke naho o roandria’ i Sekemeo, vaho namitak’ ate i Abimeleke o
roandria’ i Sekemeo, 24 soa te ho tondroke i heloke nanoeñe amy ana-dahy fitompolo’
Ierobaaley, te hapok’ amy Abimeleke rahalahi’ iareo ty lio’ i vinono’e rey, vaho amo
roandria’ i Sekeme nampaozatse o fità’eo hañohofa’e loza amo rahalahi’eoo. 25 Ie
amy zao, nirahe’ o roandria’ i Sekemeo ty hamandroñe aze an-kaboa’ o vohitseo,
le fonga nikamere’ iareo ze niary marine’ iareo, vaho natalily amy Abimeleke.
26 Nivotrake eo t’i Gaale‡ ana’ i Ebede§ rekets’ o longo’eo nomb’e Sekeme mb’eo;
vaho niantofa’ o roandria’ i Sekemeo. 27 Aa le niavotse mb’ an-tetek’ añe iereo, le
natonto’ iareo ze an-tanem-bahe ao, naho linialia’ iareo o voalobokeo naho nanao
sabadidake, le nimoak’ añ’ anjomban’ drahare’ iareo ao naho nikama naho ninoñe,
vaho namatse i Abimeleke. 28 Le hoe t’i Gaale ana’ i Ebede: Ia ze o Abimeleke
zao? le akore te itika nte-Sekeme ro mitoroñe aze? Tsy ana’ Ierobaale hao re,
naho i Zebole* ty sorotà’e? Toroño o mpiamy Kamore† rae’ i Sekemeo, fa ino ty
itoroñan-tikañ’ aze? 29 Aa naho tambanen-tañako ondaty retoañe, le ho nafahako t’i
Abimeleke. Le hoe re amy Abimeleke, Tovoño o lahin-defo’oo vaho miakara. 30 Ie
jinanji’ i Zebole, mpifehe’ i rovay i enta’ i Gaaley le niforoforo ty haviñera’e; 31 vaho
nampihitrife’e ampamañahiañe amy Abimeleke, ty hoe: Ingo nivotrake e Sekeme ao
t’i Gaale ana’ i Ebede, rekets’ o longo’eo le nihafatrare’ iareo i rovay hifotets’ azo.
32 Ie amy zao miongaha halen-drehe naho o mpiama’oo vaho vandroño an-kivok’
ao. 33 Ie maraindray naho manjirik’ andro le mañaleñaleña vaho tameo i rovay; aa
ie miakatse hifanehak’ ama’ areo rekets’ o lahindefo’eo, le ano’ am’ iereo ze mete.
34 Aa le niongak’ amy haleñey t’i Abimeleke rekets’ ondaty iaby ama’eo namandroñe
i Sekeme am-pirai-lia efatse. 35 Ie niavotse naho nijohañe am-pimoaha’ i lalambeiy
t’i Gaale ana’i Ebede, le nilonadonàke boak’ am-piampirañe ao t’i Abimeleke rekets’
o mpiama’e iabio; 36 aa ie niisa’ i Gaale ondaty iabio, le hoe re amy Zebole; Heheke
ondaty mizotso boak’ an-kaboa’ o vohitseoo. Le hoe ty Zebole ama’e: Mahaoniñe o
talinjo’ i vohitseio rehe manahake t’ie ondaty. 37 Nindrae’ i Gaale i saontsi’ey ami’ty
hoe: Hehe ondaty mizotso añivon-tane mb’ etoañeo, naho ty lia’e raike miary e
Elone-meonenime‡ mb’etoa. 38 Aa hoe t’i Zebole ama’e: Aia henaneo ty vava’o nanao

‡ **9:26** Gaale: fifosañe; tiva § **9:26** Ebede: mpitoroñe; ajalahy * **9:28** Zebole: akiba, kibohotse † **9:28** Kamore: borike; lietse; deboke ‡ **9:37** Elone-meonenime: Varom-pamoreke

ty hoe: Ia ze o Abimeleke zao hitoroñan-tika aze? Tsy ondaty heje’oo hao o ehoeke
eio? Mizotsoa arè hialia’o. 39 Aa le nionjomb’eo aolo’ ondati’ i Sekemeo t’i Gaale
nifandrapak’ amy Abimeleke. 40 Hinorìda’ i Abimeleke, le nitriban-day aolo’e mb’eo,
vaho maro ty fere nitsingoritritse, pak’ am-pimoahañe an-dalambey eo. 41 Aa le
nimoneñe e Aromà§ ao t’i Abimeleke; vaho rinoa’ i Zebole t’i Gaale naho o longo’eo,
tsy hitoboke e Sekeme ao. 42 Ie amy loak’ àndroy le niakatse mb’ an-kivoke mb’eo
ondatio; naho natalily amy Abimeleke. 43 Aa le nendese’e ondatio naho zinara’e ho
firimboñan-telo, naho niampitse an-kivok’ ao; ie rendre’e te ingo niakatse i rovay
ondatio; le nilonadonake mb’am’ iereo vaho binaibai’e. 44 Nañitrike mb’eo amy zao
t’i Abimeleke naho o mpiama’eo naho nijohañe an-dalambey eo; le niambotraha’
ty mpirai-lia’e roe ka ondaty an-kivok’ ao vaho nanjamañe. 45 Aa le naha lomoñ’
andro ty nialia’ i Abimelek’ amy rovay; naho rinambe’e i rovay naho binaibai’e
ondatio; naho dinemodemo’e i rovay vaho nandraraha’e sira. 46 Ie jinanji’ ondaty
am-pitalakesañ’ abo’ i Sekemeo, le niziliha’ iareo ty fipalirañe an-trañon-drahare’ i
Berite* ao. 47 Natalily amy Abimeleke te fa vory iaby ty mpiaolo’ i fitalakesañ’ abo’
i Sekemey. 48 Le niañambone’ ty vohi-Tsalmone amy zao t’i Abimeleke, ie naho ze
hene mpiama’e; nandrambe fekoñe t’i Abimeleke naho binira’e ty ran-katae raike le
rinambe’e naho nasampe’e an-tsoro’e eo vaho nanao ty hoe am’ondatio: I nirendre’
areo nanoekoy, masikà, ano ka. 49 Aa le songa nibira hatae ondatio naho nañorike
i Abimeleke naho napo’ iareo añ’ ila’ i fitalakesañ’aboy vaho narehe’ iareo añ’ afo i
anjomba nitañe iareoy; le fonga nihomake o am-pitalakesa’ i Sekemeo, va’e lahilahy
naho ampela arivo.

50 Nomb’e Tebetse† mb’eo t’i Abimeleke naho nitobe eo le naname i Tebetse vaho
rinambe’e. 51 Fe añivo’ i rovay ty fitalakesañ’ abo fatratse; le fonga nivoratsake mb’eo
ondaty naho rakembao, toe ze tan-drova ao; sinikada’ iareo am-boho’ iareo i lalañey
vaho nanganike mb’an-digiligi’ i fitalakesañ’aboy ey. 52 Le nimb’ amy fitalakesañ’
aboy mb’eo t’i Abimeleke; aa ie pok’ an-dalambei’e eo hanodots’ aze añ’afo, 53 le
navokovoko’ ty rakemba añambone’e ey ty vato fandisañ’ ambone, namoy ty haran-
doha’e. 54 Tinoka’e amy zao i ajalahy mpitàm-pikalan-defo’ey, le nanoa’e ty hoe:
Tsoaho o fibara’oo le vonò raho tsy mone hatao t’ie vinonon-drakemba; aa le tinombo’
i ajalahiy vaho nikoromake. 55 Ie nirendre’ o ana’ Israeleo te mate t’i Abimeleke,
le nimpoly songa mb’ an-toe’e mb’eo. 56 Zay ty namalean’ Añahare ty halò-tsere’
i Abimeleke, i nanoa’e aman-drae’ey, ie namono i fonga rahalahi’e fitompolo rey;
57 naho nondrohan’ Añahare añ’ambone’ o nte-Sekemeo ka ty haloloa’ iareo; vaho
toly am’ iereo ty fatse nanoa’ Iotame ana’ Ierobaale.

# 10

1 Ie añe t’i Abimeleke, le nitroatse handrombake Israele ka t’i Tolà*, ana’ i Poà†,
ana’ i Dodò‡, nte-Isakare; mpimoneñe e Samire§ am-bohi’ i Efraime. 2 Nizaka e Israele
taoñe roapolo-telo’ amby re naho nihomake vaho nalenteke e Samire ao. 3 Ie añe,
nitroatse ka t’Iaire* nte Gilade le nizaka taoñe roapolo-ro’ amby. 4 Nanañ’ anadahy
telo-polo re niningitse añ’ ana-borìke telo-polo, ie aman-drova telo-polo, o atao rova’
Iaire sikala henaneo; an-tane Gilade ao irezay. 5 Nivilasy t’Iaire vaho nalenteke e
Kamone† ao.

6 Nanao haloloañe am-pivazohoa’ Iehovà indraike o ana’ Israeleo ie nitoroñe o
Baaleo naho o Hazomangao naho o ’ndrahare’ i Arameo naho o ’ndrahare’ i Tsidoneo

§ 9:41 Aromà: ankaboa, naonjoñe, * 9:46 Berite: fañina † 9:50 Tebetse: fotaheñe, atoly; landy matify
* 10:1 Tola: oletse mena; mañabarà † 10:1 Poà: Fanjaka, ‡ 10:1 Dodò: rahalahin-drae’e ndra rene’e
§ 10:1 Samire: mpanalatse; valabey; rongoñe; * 10:3 Iaire: hazavako; i miilo hazavañey † 10:5 Kamone:
ty fiherenkovelo’e

naho o ‘ndrahare’ i Moabeo naho o ‘ndraharen’ ana’ i Amoneo naho o ‘ndraharen-
te-Pilistio vaho naforintse’ iareo t’IEHOVÀ, tsy nitoroñe aze. [7] Aa le nisolebotse am’
Israele ty haviñera’ IEHOVÀ le natolo’e am-pità’ o nte-Pilistio, vaho am-pità’ o ana’
i Amoneo. [8] Finorekekè’ iareo naho dinemo’ iareo taoñe folo-valo’ amby o ana’
Israeleo, toe o ana’ Israele alafe’ Iordaney an-tane’ o nte-Amoreo e Giladeo. [9] Nitsaha’
o ana’ i Amoneo ka Iordaney hialy am’ Iehoda, naho amy Beniamine, naho amy
anjomba’ i Efraimey, vaho vata’e nalovilovy t’Israele.
[10] Nitoreo amy IEHOVÀ amy zao o ana’ Israeleo, nanao ty hoe: Aman-kakeo ama’o
zahay, fa niambohoa’ay t’i Andrianañahare’ay, vaho nitoroñe o Baaleo. [11] Aa le
hoe t’IEHOVÀ amo ana’ Israeleo: Tsy nirombaheko amo nte-Mitsraimeo hao naho
amo nte-Amoreo naho amo ana’ i Amoneo, naho amo nte-Pilistio? [12] Niforekeke’ o
nte-Tsidoneo ka, naho o nte-Amalekeo, naho o nte Amoneo le nitoreova’ areo vaho
rinombako am-pità’ iareo. [13] Fe niambohoa’ areo, vaho nitoroñe ‘ndrahare ila’e;
zay ty tsy andrombahako anahareo. [14] Akia koiho o ‘ndrahare jinobo’ areoo; angao
handrombaha’ iareo amo hasotria’ areoo. [15] Le hoe o ana’ Israeleo amy IEHOVÀ:
Toe nanao hakeo zahay, ano ama’ay ze hatao’o soa; fa ehe hahao te anito. [16] Aa
le nadò’ iareo añe o ‘ndrahare ankafankafa añivo’ iareo ao, naho nitoroñe IEHOVÀ;
vaho niferenaiña’ ty arofo’e o nte’ Israeleo amo falovilovia’eo. [17] Kinoik’ amy zao
o nte-Amoneo naho nitobe e Gilade ao. Nifanontoñe ka o ana’ Israeleo le nitobe e
Mitspà ao. [18] Le hoe ty nifanaontsia’ ondatio naho o roandria’ i Giladeo: Ia mb’ arè
ty hiorots’ aly amo ana’ i Amoneo? Ie ty hatao lohà’ o hene’ mpimone’ i Giladeo.

# 11

[1] Teo henane zay t’Ieftake*, nte-Gilade, fanalolahy, ana’ ty tsimirirañe; nasama’
i Gilade t’Ieftake. [2] Nahatoly ana-dahy ka ty tañanjomba’ i Gilade, aa ie nibey le
rinoa’ iareo añe t’Ieftake, ami’ty hoe: Tsy ho lovae’o ty anjomban-drae’ay; ihe ana-
drakemba ambahiny. [3] Aa le nipotatsak’ amo rahalahi’eo nimoneñe an-tane Tobe† ao
t’Ieftake; vaho nirekets’ amy Ieftake ondaty tsy manjofake mpiharo fiavotse ama’e.
[4] Ie añe le tondroke te nialy am’ Israele o ana’ i Amoneo. [5] Ie amy zay, kanao
nialy am’ Israele o ana’ i Amoneo, le nañitrike hangalake Ieftak’ an-tane Tobe añe
o mpiaolo’ i Giladeo. [6] Le hoe iereo am’ Ieftake, Antao ho mpifelek’ anay, hialy
amo ana’ i Amoneo. [7] Aa hoe t’Ieftak’ amo roandria’ i Giladeo: Tsy mpalaiñ’ ahy
hao nahareo, kanao rinoa’ areo añ’ anjomban-draeko? Inoñ’ arè ty nomba’ areo
mb’amako henaneo t’ie am-poheke? [8] Le hoe o mpiaolo’ i Giladeo am’ Ieftake:
Mimpoly ama’o henaneo, hindreza’o ama’ay hifanehak’ amo ana’ i Amoneo, vaho
ho fehe’o ze hene mpimone’ i Gilade. [9] Le hoe t’Ieftak’ amo roae’ i Giladeo: Aa naho
endese’o moly raho hialy amo ana’ i Amoneo vaho hatolo’ IEHOVÀ aoloko iereo, ho
mpifehe’ areo hao? [10] Le hoe o roae’ i Giladeo am’ Ieftake, Ho valolombeloñ’ añivon-
tika t’IEHOVÀ, toe hanoe’ay i nitaroñe’oy. [11] Aa le nindre lia amo roae’ i Giladeo
t’Ieftake, naho nanoe’ ondatio lohàñe naho mpiaolo’ iareo; vaho nitaroñe’ Ieftak’
añatrefa’ IEHOVÀ e Mitspà i saontsi’ey.
[12] Nañitrik’ amy mpanjaka’ o ana’ i Amoneoy t’Ieftake, nanao ty hoe: Inoñ’ ama’o
raho t’ie nomb’ amako mb’ etoa hialy amy tanekoy? [13] Le hoe ty natoi’ i mpanjaka’
o ana’ i Amoneoy amo ira’ Ieftakeo: Amy te tinava’ Israele ty taneko, ie niakatse
boake Mitsraime añe boak’ amy Arnoney pak’ am’ Iaboke eo naho mb’ am’ Iordaney
mb’eoy; ie amy zao ampolio amako am-panintsiñañe i rova rey. [14] Nañitrik’ amy
mpanjaka’ o ana’ i Amoneoy indraike t’Ieftake, [15] nanao ty hoe, Hoe t’Ieftake; Tsy
tinava’ Israele ty tane’ i Moabe ndra ty tane’ o ana’ i Amoneo. [16] Fa ie niakatse i
Mitsraime añe, naho nañavelo am-pirangàñe i ratraratray sikal’ amy riake Menay

* **11:1** Ieftake: Navotson’Añahare; mahasoroke † **11:3** Tobe: hasoa

t'Israele, vaho nivotrake e Kadese eo; 17 le nampisangitrik' amy mpanjaka' i Edomey
t'Israele nanao ty hoe: Ehe, angao raho hiranga o tane'oo; fe tsy nañaoñe ty mpifehe
Edome. Nañitrife'e ka ty mpifehe i Moabe; fe tsy nimete; vaho nañialo e Kadese ao
t'Israele. 18 Aa le niranga i ratraratray niary an-tane Edome naho an-tane Moabe
iereo, nañavelo atiñanan-tane Moabe añe, le nitobe alafe' i Arnone eo, fa tsy
nandilatse i efe-tane Moabey, amy te efe' i Moabe ty Arnone. 19 Le nampañitrik' amy
Sihone mpanjaka' o nte-Amoreo, mpanjaka' i Kesbone, t'Israele nanao ty hoe: Ehe,
angao homb'eo, hiranga an-tane'o mb'an-toeko mb'eo. 20 Fe tsy niantofa' i Sihone ty
hirangà' Israele i tane'ey, te mone fonga natonto' i Sihone ondati'eo, naho nitobe e
Iahatse‡ vaho nialy am' Israele. 21 Fe hene natolo' Iehovà Andrianañahare' Israele
am-pità' Israele t'i Sihone naho ondati'eo vaho linafa' iareo; aa le fanaña' Israele ty
tane' o nte-Amore nimoneñe an-tane ao iabio. 22 Le fanaña' iareo ze hene tane' o nte-
Amoreo boak' amy Arnoney pak' am' Iabokey vaho boak'am-patrambey añe pak' am'
Iordaney. 23 Ie amy zay rinoa' Iehovà Andrianañahare' Israele aolo' ondati'e Israeleo
mb'eo o nte-Amoreo, aa vaho ho fanaña' areo hao zay? 24 Naho mahafandroake
ondaty ho anahareo ty Kemose§ 'ndrahare' areo, tsy ho fanaña' areo hao? Aa le ze
roahe' Iehovà Andrianañahare'ay aolo'ay, ro fanaña'ay. 25 Likoare'o hao t'i Balak'
ana' i Tsipore, mpanjaka' i Moabe? Nitamea'e hao t'Israele? Naname iereo an' aly
hao? 26 ie fa nimoneñe e Kesbone naho amo tanà'eo, naho e Areore naho amo tanà'eo
naho amy ze hene rova añ' olo' i Arnoney, o taoñe telon-jato zao, t'Israele. Inoñ'
arè ty tsy nandrambesa' areo aze hatrela zay? 27 Ie amy zao tsy anaña'o hakeo, fa
mandilatse ahy ka t'ie hialy amako; angao, hizaka añivo' o ana' Israeleo naho o ana'
i Amoneo t'Iehovà Mpizaka te anito. 28 Fe tsy hinao' i mpanjaka' o ana' i Amoneoy i
saontsy nihitrifa' Ieftakey.

29 Niheo am' Ieftak' amy zao t'i Arofo' Iehovà, le rinanga'e ty Mitspà' i Gilade,
le boake Mitspà' i Gilade re nitoañe mb' amo ana' i Amoneo mb'eo. 30 Le nanao
fanta amy Iehovà t'Ieftak' ami'ty hoe: Naho toe hatolo'o an-tañako o ana' i Amoneo,
31 le ndra inoñ' inoñe ty miakatse an-dalan-kibohoko hifanalaka amako, ie mimpoly
am-panintsiñan-draho boak' amo ana' i Amoneo, le ho a Iehovà, vaho hengaeko
ho soroñe. 32 Aa le nitsake mb' amo ana' i Amoneo mb'eo haname iareo t'Ieftake;
vaho natolo' Iehovà am-pità'e. 33 Le linafa'e boak' Aroere, ampara' ty figadoñañe e
Minite añe, rova roapolo naho mb' Abele-keramine mb'eo am-panjamanam-bey. Aa
le niambane amo ana' Israeleo o ana' i Amoneo.

34 Ie nivotrak' añ' anjomba'e e Mitspà eo t'Ieftake, hehe te i anak' ampela'ey ty
niakatse hifanalaka ama'e ninday fikoriñañe an-tsinjake; i bako-toka'ey; tsy nanañ'
anadahy ndra anak' ampela re naho tsy ie. 35 Ie nahaoniñe aze, le nandriatse o siki'eo,
nanao ty hoe: Hoy abey! anako! Vata'e nampiambane'o! nanoe'o am-poheke, amy
te sinokako amy Iehovà ty vavako, vaho tsy ifoterañe.

36 Le hoe re ama'e, O raeko, kanao nanoka-palie am' Iehovà, le ano amako i niakatse
am-palie'oy, amy te namale fate ho azo, amo rafelahi'o ana' i Amoneo, t'Iehovà. 37 Le
tinovo'e aman-drae'e ty hoe: Ehe te hanoeñe amako o raha zao t'ie ho vahiny volan-
droe hañambone-ambane' o vohitseo hangoihoy ty hasomondrarako, izaho naho o
mpiamakoo. 38 Le hoe re: Akia, le nirahe'e mb'eo volañe roe, le nionjomb'eo rekets'
o rañe'eo nirovetse i hasomondrara'ey an-kaboañe ey. 39 Ie modo i volañe roe rey,
le nimpoly aman-drae'e vaho nanoe'e ama'e i nifantà'ey, ie mbe tsy nahavany lahy.
Zay ty nifotora' ty lilitse e Israele ao, 40 te mb'eo boa-taoñe o anak' ampela' Israeleo
hirovetse i anak' ampela' Ieftake nte-Giladey, efatse andro ami' ty taoñe.

‡ **11:20** Iahatse: fifandierañe § **11:24** Kemose: mitañe; mitavañe

# 12

1 Nifanontoñe o nte-Efraimeo naho nimb’e Tsafone* mb’eo, nanao ty hoe amy
Ieftake, Ino ty nitsaha’ areo mb’eo hialia’o amo nte-Amoneo f’ie tsy nitoka anay
hindreza’ay? Ho forototoe’ay añ’ afo ama’o ty anjomba’o. 2 Le hoe ty natoi’ Ieftake
am’ iareo, Toe niampohek’ amo ana’ i Amoneo naho ondatiko raho te nikanjy
anahareo, f’ie tsy nañaro ahy am-pità’ iareo. 3 Aa kanao tsy narova’ areo le namoeako
fiay nitsake mb’ amo ana’ i Amoneo mb’eo, vaho natolo’ IEHOVÀ an-tañako. Aa le ino
ty nitroara’ areo amako androany hialia’ areo? 4 Natonto’ Ieftake o lahilahi’ i Gilade
iabio naho nialy amy Efraime; vaho linafa’ o nte-Giladeo t’i Efraime, ami’ty natao’
iareo ty hoe: Ondaty gike e Efraime nahareo nte Gilade añivo’ i Efraime naho i Menasè
ao. 5 Rinambe’ o nte-Giladeo amy Efraime o fitsaha’ Iordaney boake Efraimeo, ie amy
zao naho teo ty nipoliotse amo nte-Efraimeo nanao ty hoe: Ehe angao hitsake? Le
nañontane aze o nte-Giladeo ty hoe: nte Efraime hao? Aa naho Tsie ty natao’e; 6 le
nanoe’ iareo ama’e ty hoe: Ano ty hoe: Sibolete†, te mone nanao ty hoe Tsibolete‡—ie
toe tsy nahafanoñoñe’e—le nitsepaheñe vaho vinono’ iareo amo fitsaha’ Iordaneio;
nte Efraime efats’ ale-tsi-ro’ arivo ty nikorovoke henane zay. 7 Enen-taoñe ty nizakà’
Ieftake Israele, le nivilasy t’Ieftake nte-Gilade, vaho nalentek’ an-drova’ o nte-Giladeo.
8 Nanonjohy aze, t’Ibtsane§ nte-Betlekheme nizaka Israele. 9 Nanañ’ anadahy telo-
polo re naho anak’ ampela telopolo naho naondra’e añe vaho nampimoahe’e boak’
añe ka ty anak’ ampela ho a o ana-dahi’eo. Nizaka Israele fito taoñe 10 le nivilasy
t’Ibtsane, vaho nalenteke e Betlekheme ao. 11 Ie añe le nizaka Israele folo taoñe t’i
Elone* nte-Zebolone. 12 Ie nihomake t’i Elone nte-Zebolone, le nalenteke Aialone† an-
tane Zebolone ao. 13 Nanonjohy aze nizaka Israele t’i Abdone‡ ana’ i Mpandrenge§
nte-Piratone*. 14 Nanañ’ana-dahy efa-polo re naho afe telo-polo mpiningitse ana-
borìke fitom-polo, nizaka valo taoñe. 15 Nivilasy t’i Abdone ana’ i Mpandrenge nte-
Piratone vaho nalenteke e Piratone an-tane Efraime am-bohi’ i Amaleke ao.

# 13

1 Nanao haratiañe indraik’ am-pivazohoa’ IEHOVÀ eo o ana’ Israeleo vaho
natolo’ IEHOVÀ am-pità’ o nte-Pilistio efa-polo taoñe. 2 Teo t’indaty boake Tsorà*,
fifokoa’ i Dane, natao Manoàke†, beitsiterake ty tañanjomba’e, mbe tsy nisamake.
3 Nisodehañe amy rakembay ty anjeli’ IEHOVÀy nanao ty hoe: Toe beitsiterake rehe,
mbe tsy nahatoly, f’ie hiareñe hisamak’ ana-dahy. 4 Ie amy zao mitaòa, asoao tsy
hikama divay ndra toake, naho ko mikama raha faly. 5 Inao, hiaren-drehe naho
hisamak’ ana-dahy; le tsy hozàm-pihàratse ty loha’e amy te ho nte-Nazire aman’
Añahare boak’ an-koviñe ao i ajajay; vaho ie ty hiorotse handrombake Israele
hiavotse am-pità’ o nte-Pilistio. 6 Nimb’ amy vali’ey amy zao i rakembay nitalily ty
hoe: Nivotrak’ amako ty ondatin’ Añahare, le nanahake ty vintan’ anjelin’ Añahare
ty vinta’e, toe nampañeveñe; fa tsy nañontaneako ty nihirifa’e, vaho tsy nitaroñe’e
amako ty tahina’e; 7 fe hoe re tamako, Inao! hiareñe vaho hisamak’ ana-dahy rehe
le ko minon-divay ndra toake henane zao, ndra hihinan-draha faly; fa ho nte-Nazire
aman’ Añahare boak’ an-koviñe ao pak’ añ’ andro hihomaha’e i ajajay.
8 Aa le nihalaly am’ IEHOVÀ t’i Manoàke, nanao ty hoe: Ry Talè, Ampombao mb’
ama’ay mb’ etoa indraike indatin’ Añahare nirahe’oy, hañòha’e ze hanoa’ay amy
ajaja hasamakey. 9 Hinaon’ Añahare ty fiarañanaña’ i Manoàke, vaho nivotrak’ amy

* 12:1 Tsafone: maieñe, mañavaratse † 12:6 Sibolete: kilanka ‡ 12:6 Tsibolete: torahañe § 12:8 Ibtsane: raem-panolarañe; raen-tsintsiñe * 12:11 Elone: varo: ala-vondro, maozatse † 12:12 Aialone: toem-panaloke ‡ 12:13 Abdone: mpitoroñe: rahon-jaka § 12:13 Hilèl’: mpandrenge * 12:13 Piratone: ha’tsivokara’e, havotroa’e * 13:2 Tsorà: angamae; olatse; fanene-bey † 13:2 Manoàke: fitofàñe; falalañe

rakembay indraike i anjelin' Añaharey ie niambesatse an-teteke ey, fe tsy tama'e
i vali'ey. 10 Nihitrike ty lay mb' amy vali'ey mb'eo amy zao i rakembay nanao ty
hoe: Ingo fa niheo amako aniany indaty nisodehañe amakoy. 11 Aa le niongake t'i
Manoàke nañorike i vali'ey naho niheo mb' am' indatiy mb'eo, le nanoa' ty hoe:
Ihe hao indaty nisaontsy amy rakembaiy? Le hoe re, Zaho. 12 Le hoe t'i Manoake,
Ehe te ho tondroke i saontsi'oy. Akore ty andahara'ay i ajajay, vaho ino ty hanoe'ay
ama'e? 13 Le hoe ty natoi' i anjeli' IEHOVÀ amy Manoake, Ee te hilie-batañe amy
nitaroñeko iabiy o rakembao, 14 t'ie tsy hikama ndra inoñ' inoñe boak' amy vahey,
le ko mei'o hinon-divay ndra toake, ndra ty hikama raha faly; hene ampiambeneñe
aze o nandiliakoo.
15 Le hoe t'i Manoak' amy anjeli' IEHOVÀy, Ehe'e te hisebañ' azo zahay hañalankañe
vik'ose. 16 Aa le tinoi' i anjeli' IEHOVÀy t'i Manoàke ami'ty hoe: Ndra te sebañe'o, tsy
ho kamaeko o mahakama'oo, fe naho hañenga horoañe, le misoroña am' IEHOVÀ;
amy te tsy napota' i Manoàke t'ie anjeli' IEHOVÀ. 17 Le hoe t'i Manoàke amy anjeli'
IEHOVÀy, Ia' ty tahina'o, hiasia'ay naho tondroke o saontsi'oo? 18 Le hoe ty natoi' i
Anjeli' IEHOVÀy: Ino ty añontanea'o ty añarako, kanao tsikentañe? 19 Aa le rinambe'
i Manoake ty vik' ose rekets' enga-mahakama naho nisoroña'e amy IEHOVÀ am-
bato eo, vaho nanoe' i anjeliy halatsañe am-pisamba' i Manoàke mirovaly, 20 amy
te, ie nionjomb' an-dikeram-beo i lel' afo boak' amy kitreliiy, le nionjoñe amy lel'
afo boak' an-kitreliy i anjeli' IEHOVÀy. Aa ie niisa' i Manoake mirovaly zay le
nibabok' an-daharañe an-tane. 21 Le tsy niboak' amy Manoàke naho amy vali'ey
ka i anjeli' IEHOVÀ, fe napota' i Manoàke t'ie anjeli' IEHOVÀ. 22 Le hoe t'i Manoàke
amy tañanjomba'ey, Toe hivetrake tika kanao nahaisak' an' Andrianañahare. 23 Fa
hoe ka ty asa' i vali'ey ama'e: Naho nipay hañoho-doza aman-tika t'IEHOVÀ, tsy ho
rinambe'e am-pitàn-tika i soroñey naho i banabanay, naho tsy ho naboa'e amantika,
vaho tsy ho tinaro'e aman-tika henaneo i hoe zay.
24 Nisamak' ana-dahy i rakembay naho natao'e Simsone‡ ty añara'e. Nitombo'
i ajajay vaho nitahie' IEHOVÀ. 25 Namototse nañetsek' aze betek' an-kialo' i Dane
añivo' i Tsorà naho i Estaole§ ty Arofo' IEHOVÀ.

# 14

1 Nizotso mb'e Timnate* t'i Simsone le nahaisake somondrara e Timnate ao, anak'
ampela' o nte-Pilistio. 2 Nimb' aman-drae'e mb'eo re nitalily ama'e naho aman-
drene'e, ty hoe: Nahatrea ampela e Timnate raho, anak' ampela' o nte-Pilistio; ehe
alao ho valiko. 3 Le hoe ty rae'e naho i rene'e tama'e, Tsy mahatrea amo anak'
ampelan-dongo'oo ndra am' ondatiko iabio hao, te o nte-Pilisty tsy nisavareñeo ty
ipaia'o valy? Le hoe t'i Simsone aman-drae'e, Alao ho ahy re fa mahafale ty troko.
4 Tsy nifohin-drae'e ndra i rene'e te IEHOVÀ ty nipay aze hiatreàtre amo nte-Pilistio,
amy te nandily Israele o nte-Pilistio tañ' andro zay. 5 Aa le nitrao-pizotso aman-drae'e
naho i rene'e mb'e Timnate mb'eo t'i Simsone, ie avy an-tanem-bahe' i Timnate eo,
hehe ty anan-diona nitroñe mb' ama'e mb'eo. 6 Nitotsak' ama'e t'i Arofo' IEHOVÀ,
le rinia'e manahake ty fandriatañe vik'ose, leo raha raike tsy tam-pità'e; fe tsy
natalili'e aman-drae'e ndra an-drene'e i nanoe'ey. 7 Le nizotso mb'eo re nifanaontsy
amy somondraray naho vata'e nitea' i Simsone. 8 Ie añe, nibalike hangalak' aze fe
nitsile hey hahaisake ty fate' i lionay, naho naheo'e te nisamborien-drene-tantele i
faten-dionay vaho aman-tantele. 9 Kinaro'e am-pità'e le nikama t'ie nañavelo; aa
ie nifanampe aman-drae'e naho i rene'e le nanjotsoa'e, f'ie tsy nitalily am'iareo te
nakare'e an-karankan-diona ao.

‡ **13:24** Simsone: masoandro'e; fitoroña'e; indroe § **13:25** Estaole: Rakemba maozatse * **14:1** Timnate: sare; vintañe

[10] Aa le nizotso mb'amy somondraray ty rae'e vaho nanao sabadidak' ao t'i
Simsone, amy t'ie nilili' o ajalahio. [11] Ie naharendrek' aze iereo le mbe nandesañe
rañetse telo-polo ila'e hitraok' ama'e; [12] le hoe t'i Simsone am' iereo, ho taroñeko
tafatoño nahareo henaneo, aa naho eo ty mahatoiñe naho mahafandrendrek' aze
amako añate' ty fito andro' i sabadidakey, le hatoloko anahareo ty lamba leny
telopolo, miharo sarimbo telopolo. [13] Aa ie tsy mahafitaroñe aze amako, le inahareo
ro hanolotse ahy lamba leny telopolo naho sarimbo telopolo. Le hoe ty asa' iareo
ama'e: Akaro i razan-dreha'oy hijanjiña'ay. [14] Hoe re tam' iereo, Boak' ami'ty
mpihinañe ty niakaran-kaneñe naho boak' ami'ty maozatse ty niakara' ty mamy.
Fe tsy nahabejañe i tafatoñoy iereo añate' ty telo andro. [15] Ie amy andro faha-fitoy,
le nanoe' iereo ty hoe i vali' i Simsoney: Sigiho ty vali'o hitaroña'e i tafatoñoy tsy
mone ho forototoe'ay añ' afo rehe naho ty anjomban-drae'o; handrarak' anay hao
ty nañambara'o anay? Ie zay. [16] Aa le niharovetse amy Simsone ty vali'e, nanao
ty hoe: Toe heje'o raho naho tsy kokoa'o, amy te nitaron-drazan-drehak' amo ana'
ondatikoo fe tsy natalili'o amako. Le hoe re tama'e, Inao, ie tsy vinolako aman-
draeko ndra amy reneko, ho volañeko ama'o hao? [17] F'ie nirovetse añatrefa'e avao
amy fito andro' i sabadida' iareoy, le ty amy fañembera'e aze, nampandrendrehe'e
amy andro faha-fitoy, vaho nabora'e am'ondatio i razan-drehakey. [18] Aa le hoe o
roandria' i rovaio ama'e amy andro fahafitoy aolo' i tsofots' àndroy: Ino ty mamy
te amo tanteleo? vaho ino ty maozatse te amo lionao? Le hoe re am' iereo. Naho
tsy hinaotsao' areo i kiloakoy, le tsy ho nioni' areo i tafatoñokoy. [19] Nitotsak' ama'e
amy zao ty Arofo'Iehovà, le nizotso mb'e Askelone mb'eo nanjamañe ondaty telopolo
naho nikopahe'e vaho natolo'e amo nahavale i tafatoñoio o saroñeo. Nisolebotse
amy zao ty haviñera'e, le nionjomb' añ' anjomban-drae'e mb'eo. [20] Le natolotse amy
mpiama'e nanoe'e mpandrorotsey i vali'ey.

# 15

[1] Ie añe, an-tsam-pamokarañe vare-bolè, te nanese vik' ose amy vali'ey t'i Simsone;
le hoe re: Te homb' amy valiko an-traño'e añe. Fe tsy nimein-drae'e t'ie hizilik'
ao, [2] fa hoe ty rae'e: Toe nataoko t'ie niheje'o vintañe; le natoloko an-drañe'o;
aa vaho tsy soa te ama'e ty zai'e? endeso hisolo aze. [3] Aa hoe t'i Simsone am'
iereo: Halio-tahiñe amo nte-Pilistio raho henaneo, ndra t'ie hanolorako sotry. [4] Aa
le tsinepa' i Simsone ty fanaloke* telon-jato, naho nandrambe failo; le nifanohize'e
añ' ohi'e añ'ohi'e vaho nanoa'e failo ty añivo' ty ohy roe. [5] Narehe'e amy zao o
failoo le navotso'e amy vare nizorazora' o nte-Pilistiooy naho fonga finorototo' iareo
o fitoboro'eo naho o nizorazorao reketse ty tanem-bahe vaho olive†. [6] Le hoe o nte-
Pilistio, Ia ty nanao zao? le hoe iereo: I Simsone, vinanto' i nte-Timney, amy te
nalae'e ty vali'e, vaho natolo'e amy mpandroro'ey. Nionjoñe mb'eo amy zao o nte-
Pilistio vaho nampangotomomohe' iereo añ'afo re naho i rae'e. [7] Aa hoe t'i Simsone
am' iereo, Naho zao ty sata' areo, le toe hamaleako kabò, vaho hitofa. [8] Le linafa'e
iereo an-kitsok'am-pe am-panjamanam-bey; vaho nizotso mb' an-tevam-bato' Etame‡
mb'eo, nimoneñe ambone ey.

[9] Nionjom-beo naho nitobe e Iehoda ao o nte-Pilistio vaho nivelatse niatreatre i
Lehý§. [10] Le hoe o nte-Iehodao: Ino ty nionjona' areo haname anay? Le hoe iereo:
Ty hamahotse i Simsone ty nionjona'ay, hanoe'ay ama'e i nanoa'e ama'aiy. [11] Aa
le nizotso mb' an-tevam-bato' i Etame mb'eo ty nte-Iehoda telo-arivo vaho nanao
ty hoe amy Simsone: Tsy fohi'o hao te manandily amantika o nte-Pilistio? Ino ze
o nanoe'o ama'ay zao? Le hoe re: I nanoe' iareo amakoy ty nanoeko am' iereo.

* **15:4** Heb: soàle: an-davak' ao ty traño'e † **15:5** Olive: mañome menake hoe andranahake ‡ **15:8** Etame: voro' iareo; saro' iareo § **15:9** Lehý: valañorà

12 Le hoe iereo tama'e, Nizotso etoan-jahay hamahotse azo, hanese azo am-pità' o
nte-Pilistio. Le hoe t'i Simsone, Mifantà amako te tsy hiambotraha' areo. 13 Le
hoe iereo tama'e: Aiy: fa ho vihine'ay am-bahotse, le hatolo'ay am-pità' iareo fa
tsy ho vonoe'ay. Aa le vinaho' iareo an-taly vao roe vaho nampiavote' iareo amy
vatoy, 14 Ie nipoteake e Lehý eo, le rinambe' o nte-Pilistio an-koràke; aa le nivotrak'
ama'e ty Arofo' IEHOVÀ, naho ninjare boka niforototoeñ' afo o taly am-pità'eo, vaho
nihitsañe o tali-randrañe an-tsira'eo. 15 Nahatrea taolam-balañoràm-borìke vao re,
naho nahiti'e ty fità'e nandrambe aze le nanjamañe ondaty arivo, 16 vaho hoe
t'i Simsone: Amam-balañoràm-borìke, fitoboroñañe am-pitoboroñañe, valañoram-
borìke ty nanjamanako ty arivo. 17 Aa naho nagado'e i saontsi'ey le nahifim-pità'e
añe i valañoray vaho natao ty hoe Ramate*-Lehý i toetsey.
18 Vata'e nitaliñieren-dre henane zay, le nikanjie'e t'IEHOVÀ, nanao ty hoe: Fa
natolo'o am-pità' ty mpitoro'o ty fandrombahañe ra'elahy; aa vaho ho vonoe' ty
aran-drano raho henaneo hiforetrahako am-pità' o tsy sinavatseo? 19 Aa le tsineran'
Añahare i nangoake e Lehiy, le niakaran-drano; ie ninoñe le nibalike i arofo'ey vaho
nisotrake; aa le natao En'hakorè† ty ao; mbe e Lehý ao zay henanekeo. 20 Nizaka
Israele roa-polo taoñe tañ'andro' o nte-Pilistio re.

# 16

1 Nimb'e Azà mb'eo t'i Simsone, le nanjo ty tsimirirañe, vaho nizilik' ao. 2 Natalily
amo nte-Gazeo ty hoe: Fa nomb' atoy t'i Simsone. Aa le nivoñone' iereo naho nialeñe
nandiñe aze an-dalambey eo, f'ie nianjiñe amy haleñe iabiy, le hoe ty asa' iareo:
Angao re ampara' te mazava i maraiñey, vaho hañohofan-tika loza. 3 Nàndre ao
t'i Simsone ampara' te antets' ale le nitroatse te petsak-aleñe naho nandrambe o
lalambein-drovao reketse ty tokona'e roe, naho nombota'e reketse sikadañe aman-ka-
rao'e, naho nanoe'e an-tsoroke vaho jinini'e mb'an-kaboa' ty vohitse aolo' i Kebrone
eñe.
4 Ie añe, le nikokoa'e ty rakemba am-bavatane' i Soreke* ao, i Delilà† ty añara'e.
5 Aa le nomb' ama'e mb'eo o talem-Pilistio, nanao ty hoe ama'e: Sigiho, hahaoniñañe
te aia i haozara'e ra'elahiy, naho an-tsata akore ty hahafitroara'ay, hamahots' aze,
hanolora'ay sotry, vaho songa hanolotse drala arivo-tsi-zato ama'o zahay.
6 Aa le hoe t'i Delilà amy Simsone: Atalilio amako te aia ty idoña' o haozara'o
ra'elahio, vaho manao akore ty hamahorañe azo hiambanea'o? 7 Le hoe t'i Simsone
ama'e, Ie vahora' iareo an-tàlim-pale leñe fito mbe tsy nimaiheñe le hihalème
manahake ondaty ila'eo. 8 Aa le nanese vahotse fito mbe tsy nimaiheñe ama'e o
talèm-Pilistio vaho finehe'e. 9 Ie amy zao, nasia'e mpamandroñe am-po' ty traño raik'
ao, le hoe re: O Simsone, fa ama'o o nte-Pilistio! Fe tinampa'e hoe ty fitampahan-
karafon-deny mioza afo o tàlim-paleo. Tsy nirendrek' amy zao ty foto' i haozara'ey.
10 Aa le nanao ty hoe amy Simsone t'i Delilà, Toe nifañahia'o, vaho nandañira'o; ehe
saontsio amako, inoñe ty hamahorañe azo? 11 Le hoe re tama'e: Naho fehe' iereo
mafe an-taly vao mbe lia'e tsy niasa, le havòzo manahake ondaty ila'eo. 12 Aa le
nangalake taly vao t'i Delilà, namahots' aze vaho nanao ty hoe ama'e: O Simsone,
ama'o o nte-Pilistio. Ie amy zao an-traño ao o mpamandroñeo. Fe tinampa'e hoe fole
o taly am-pità'eo. 13 Aa le hoe t'i Delilà amy Simsone: Ampara' henane nikobihe'o
avao naho nitaroña'o vande; atalilio amako arè ty handrohizañe azo. Le hoe re
ama'e: Naho ranjie'o an-tenoñe o randram-piton-dohakoo. 14 Aa le vinandri'e ami'ty
harake, naho hoe ty koi'e ama'e: O Simsone, ama'o o nte-Pilistio: Nibarakakaok'
amy firota'ey amy zao re vaho sininto amo komboo i harakey rekets' i tenoñey.

* 15:17 Ramate: Fañonjonañe † 15:19 En'hakorè: rano figoangoa' i mpikanjiy * 16:4 Soreke: vahe;
kosisike; hoe mavoñe † 16:4 Delilà: rarake; bory

15 Le hoe re ama'e, Aia ty hatao'o ty hoe: Kokoako, kanao tsy amako ty arofo'o?
Ie fa nikobik' ahy in-telo vaho mb'e tsy natalili'o amako ty talin-kaozara'o. 16 Aa
kanao tinindri'e lomoñandro lomoñandro an-drehake, naho nitolom-pañosik' aze, le
nirintike te hamoe'ay, 17 naho fonga nabora'e ama'e o añ' arofo'eo ami'ty hoe: Mbe
lia'e tsy nirangàm-piharatse ty lohako; ie nte-Nazire aman' Añahare boak' an-kovin-
dreneko; aa naho harateñe le hienga ahy o hafatrarakoo vaho hihamavozo manahake
ondaty ila'eo.
18 Aa ie nioni' i Delilà te hene nabora'e ty arofo'e, le nihitrife'e an-koike o talèm-
Pilistio, ami'ty hoe: Mb'etoa aniany fa fonga binora'e amako ty an-tro'e ao, Aa le
nihitrike mb'eo o talem-Pilistio reke-drala am-pità'e ao. 19 Nampirote'e añ'ongo'e eo
le kinanji'e t'indaty naho niharate'e i randrañe fito añambone'e rey naho niorotse
nanolo-tsotry aze, fe nisitak' ama'e i haozara'ey. 20 Le hoe re, O Simsone, fa ama'o
o nte-Pilistio. Tsekak' amy firota'ey amy zao le nanao ty hoe: Hiavotse manahake
tamo ila'eo, le hivoamboañe; fe tsy napota'e te nieng' aze t'Iehovà. 21 Aa le rinambe'
o nte-Pilistio, naho napoliti' iareo o fihaino'eo; nendese' iareo mb'e Azà mb'eo naho
vinaho' iareo an-daborìdy torisìke; vaho nandisañe am-porozò ao.
22 Ie añe, namototse nitombo o maroi'e niharateñeo. 23 Nampamorie' o talèm-
Pilistio amy zao ondatio hanao sorom-bey amy Dagone‡ 'ndrahare' iareo vaho hire-
beke; fa hoe iereo: Natolon' añaharentika am-pitàn-tika t'i Simsone rafelahintikañey.
24 Aa ie nahaisak' aze ondatio, le nandrenge an-drahare' iareo, ami'ty hoe: Fa
natolon-draharentika am-pitàntika i rafelahintikañey, i mpijoy o tànen-tikañeoy, i
nanjamañe maro aman-tikañey. 25 Ie nifale añ'arofo, le nanao ty hoe: Hitrifo am-
balabey ao t'i Simsone, hihisa'ay. Aa le kinoi' iareo boak' am-porozò ao t'i Simsone
hitohafa' iareo le napo' iareo añivo' o fahañeo. 26 Le hoe t'i Simsone amy ajalahy
nitañe ty fità'ey, ehe apoho raho hitsapa o fahañe mitohañe ty anjomba toio, hiatoako.
27 Ie amy zao nialindretse t'indaty naho rakemba amy anjombay; tao iaby o talem-
Pilistio, vaho tan-tafo'e ey nisamba ty fikobihañe i Simsone ty lahilahy naho rakemba
telo arivo varañe. 28 Aa le nikanjy Iehovà t'i Simsone ami' ty hoe: Ry Iehovà Talè,
ehe tiahio raho amy henaneo avao, ehe ampaozaro ry Andrianañahare, soa te ami'ty
indraike toy avao ty hamaleako o nte-Pilistio ty amy masoko roey. 29 Rinambe' i
Simsone amy zao o fahañe añivo ao mitohañe i anjombaio, nampionjonañe aze,
vaho naronje'e, ty raike am-pità'e havana naho ty raike am-pità'e havia. 30 Le
hoe t'i Simsone: Angao hitrao-pikenkañe amo nte-Pilistio raho, le naronje'e ami' ty
haozara'e iaby, vaho nikorovok' amo talèo naho amy ze hene' ondaty tam-po'e ao.
Aa le nandikoatse ze vinono'e amy hene havelo'ey o zinama'e amy fikoromaha'eio.
31 Le songa nizotso mb'eo o longo'eo naho ty anjomban-drae'e nandrambe aze naho
nakare' iareo vaho nalenteke añivo' i Tsorà naho i Estaole, an-kibori' i Manoà rae'e.
Nizaka Israele roapolo taon-dre.

# 17

1 Tam-bohibohi' i Efraime amy zay t'indaty atao Mikà*. 2 Le hoe re aman-drene'e,
I volafoty arivo-tsi-zato nikamereñe ama'oy, i nititihe'o am-pitsanoñakoy, ingo te
amako i volafotiy; zaho ty nandrambe aze. Le hoe ty rene'e, Tahie' Iehovà rehe
anako. 3 Aa ie nahere'e aman-drene'e i volafoty arivo-tsi-zatoy, le hoe ty rene'e: Toe
hene navìko am' Iehovà boak' an-tañako ho a i ana-dahikoy i volafotiy, hitsenea'e sare
pinàtepàtetse naho sare trinanake; aa le habaliko ama'o. 4 Aa ie nampoly ama'e i
volafotiy, le nandrambesan-drene'e ty volafoty roanjato naho natolo'e ami'ty mpanao
volafoty le namboare'e sare pinatetse naho sare trinanake, vaho tan-kiboho' i Mikà
ao zay. 5 Ie niañoñ'ay t'i Mikà, le nanan-kivohon-drahare, le nitsene hareañe naho

‡ **16:23** Dagone: tsako; fiañe * **17:1** Mikà: rarake; mpireke

terafime† vaho nañory ty ana'e ho mpisoroñe 6 Ie henane zay, tsy amam-panjaka
t'Israele vaho songa nanao ze tea'e am-pihaino'e ao ondatio‡.
7 Nisy ajalahy nte-Betlekheme e Iehoda, fifokoa' Iehoda, nte-Levý, nañialo ao.
8 Niakatse an-drova Betlekheme e Iehoda re, hañialo amy ze toetse ho zoe'e; vaho
ie amy lia'ey nivotrake Efraime an-kiboho' i Mikà. 9 Le hoe t'i Mikà ama'e: Boak' aia
v'iheo? vaho hoe re ama'e: nte Levý raho boake Betlekheme e Iehoda ao, mitaveañe
mb' amy ze mete hañialoako. 10 Le hoe t'i Mikà ama'e: Mimoneña amako atoa,
soa t'ie ho rae naho mpisoroñe amako, le ho tolorako volafoty folo boa-taoñe naho
fisikiñe vaho ty mahakama'o. Aa le nimoak' ao i nte-Leviy. 11 Ninò' i nte-Leviy ty
himoneñe amy 'ndatiy; vaho ni-hoe anak'ama'e i ajalahiy. 12 Aa le noriza' i Mikà
i nte-Leviy vaho nanoeñe mpisoroñe i ajalahiy an-kiboho' i Mikà ao. 13 Le hoe t'i
Mikà: Fantako te hañasoa ahiko t'Iehovà kanao aman-te-Levý ho mpisoroñe.

# 18

1 Tsy amam-panjaka t'Israele tañ' andro rezay; le nipay lova himoneña'e ty fifokoa'
i Dane henane zay; amy te mboe tsy niazo' iareo tañ' andro zay ty anjara' lova' iareo
añivo' o fifokoa' Israeleo. 2 Aa le nirahe' i Dane boak' am-pifokoa'e ao ty lahilahy lime
amy valobohò' iareoy, ondaty mahasibeke, boake Tsorà naho i Estaole hitinoñe amy
taney, hitsoek' aze; ami'ty hoe: Akia, hotsohotsò i taney; aa le nivotrak' am-bohibohi'
i Efraime an-kiboho' i Mikà iereo vaho nialeñe ao. 3 Ie nañarine i kiboho' i Mikày, le
nifohi' iareo ty feo' i ajalahy nte-Leviy, naho nitsile mb'eo, vaho nanao tama'e ty hoe:
Ia ty ninday azo atoa? le ino ty anoe'o atoy? 4 Le hoe re am' iereo, Hoe zao naho zao
ty nanoa' i Mikà ahy, naho karamae'e, vaho fa mpisoro'e raho henaneo. 5 Aa le hoe
iereo tama'e, Ehe, ihalalio toro-lalañe aman'Añahare, hahafohina'ay he ho heneke o
lia' añaveloa'aio. 6 Le hoe i mpisoroñey am' iereo: Mañaveloa am-panintsiñañe; fa
añatrefa' Iehovà o lalañe hombà' areoo.
7 Nienga amy zao indaty lime rey, naho nivotrake e Laise*, le nirendre' iereo ondaty
ama'eo te nierañerañe ty fimoneña' iareo, manahake o nte Tsidoneo, nianjiñe naho
nanintsiñe; amy te tsy amy taney ty aman-dily hañinje iareo aman-dra inoñ'inoñe,
fa ilavitse o nte-Tsidoneo, vaho tsy eo t'indaty iharoa'e balibalike. 8 Aa le nimpoly
mb' aman-droahalahi' iareo e Tsorà naho Estaole ao, vaho hoe o rolongo' iareoo
ama'e, Atalilio arè! 9 Le hoe iereo, Miongaha, antao hiavotse haname iareo; fa
nioni'ay i taney naho nirendreke t'ie fanjaka; aa vaho hijihetse avao nahareo? ko
mihenekeneke fa akia mb'amy taney, imoaho naho tavano. 10 Ie mb'eo, le hivotrak'
am' ondaty mierañerañe, tane milañelañe natolon' Añahare am-pità' areo; tane
miaiñ' añoleñañe; ama'e ao ze kolotoin' Añahare. 11 Aa le nionjomb'eo, boak' am-
pifokoa' i Dane, hirike Tsorà naho i Estaole ty lahilahy enen-jato nidiam-pialiañe
hihotakotake. 12 Niañambone mb'e Kiriate-Iearime† e Iehoda ao iereo vaho nitobe;
aa le nitokave' iareo Tobe' i Dane i toetsey pake henaneo; ambalike i Kiriate-iearime
ao. 13 Boak' ao iereo, niavotse mb'am-bohi' i Efraime mb'eo nivotrak' an-kiboho'i
Mikà eo.
14 Le hoe i lahilahy lime niraheñe hitingañe an-tane' i Laise añe rey amo longo'eo,
Fohi' areo hao te ao ty hareañe naho terafime, naho hatae-sinokitse vaho sare
trinanake? Tsakoreo arè ty hanoe' areo. 15 Aa le niveve mb' eo iereo, nivotrak' amy
kiboho' i ajalahy nte-Levio, an-kiboho' i Mikà eo vaho nañontane aze. 16 Nijohañe an-
dalambey eo indaty ana' i Dane enen-jato nidian-karaom-pialiañe rey, 17 le nimoak'
ao i lahilahy lime niary mb'eo hitingañe amy taney rey naho rinambe' iareo i hatae

† 17:5 Terafime: saren-draham-paha-sive ‡ 17:6 Mpz 21:25, Its 12:8 * 18:7 Laise: liona † 18:12 Kiriate-iearime: kanjy; fifanampeañe

sinokitsey naho i hareañey naho i terafimey vaho i sare trinanakey; ie nijohañe an-
dalam-bey eo am’ indaty enen-jato nidian-karaom-pialiañe rey i mpisoroñey. [18] Aa
ie nizilik’ an-kiboho’ i Mikà ao hangalake i hatae sinokitsey naho i hareañey naho i
terafimey vaho i sare trinanakey, le hoe i mpisoroñey am’ iereo, Ino o anoe’ areoo?
[19] Le hoe iereo ama’e: Mianjiña koahe, vihino fitàñe ty falie’o vaho mindreza ama’ay,
ho rae’ay naho ho mpisoro’ay; mahasoa azo hao ty ho mpisoroñe añ’anjomba’ ondaty
raike, ta te ho mpisoroñe ami’ty fifokoa naho hasavereña’ Israele? [20] Nifale amy
zao ty arofo’ i mpisoroñey, le rinambe’e i hareañey naho i terafimey naho i hatae
sinokitsey vaho nañaivo’ ondatio ao. [21] Aa le nitolike iereo naho nienga mb’eo, naho
nanoe’ iereo aolo ey o keleiañeo naho o añombeo, vaho o varao. [22] Ie lavitse i
kiboho’ i Mikày añe, le nivovo amo ana’ i Daneo ondaty mpañohoke i kiboho’ i
Mikaio nifandrimboñe [23] vaho nikoik’ amo ana’ i Daneo. Nitolik’ amy zao iereo
nanao amy Mikà ty hoe: Ino o mañolañe azoo te mifañosoñe? [24] Le hoe re: Tinava’
areo i ‘ndrahare tsinenekoy naho i mpisoroñey vaho nienga, le ino ty sisa amako? Aa
ino arè ty anoa’ areo amako ty hoe? Inoñ’ o mañolañe azoo? [25] Le hoe o ana’ i Daneo
ama’e: Ehe tsy ho janjiñeñe añivo’ay atoa ty fiarañanaña’o, hera hiambotraha’
t’indaty boseke vaho hikenkan-drehe rekets’ o añ’ anjomba’oo. [26] Aa le nionjomb’eo
o ana’ i Daneo naho napota’ i Mikà t’ie maozatse te ama’e vaho nitolike nimpoly mb’
an-kiboho’e añe.

[27] Rinambe’ iareo o nitsene’ i Mikao, naho i mpisoro’ey, naho nivotrake e Laise,
am’ondaty mianjiñe naho mierañerañeo, naho linafa’ iareo an-dela-pibara, vaho
finorototo’ iereo añ’ afo i rovay. [28] Tsy nanam-pandrombake iereo, fa lavitse ty
Tsidone, le tsy ama’ ondaty mpifañaoñe; ie am-bavatane marine i Bete-rekhobe‡.
Aa le namboare’ iareo i Rovay vaho nimoneñe ao. [29] Natao’ iereo Dane ty añara’
i rovay, ty amy Dane rae’ iareo nisamahe’ Israeley; fa Laise hey ty añara’ i rovay.
[30] Aa le natroa’ o ana’ i Daneo ho a iareo i hazomangay; vaho nimpisoro’ i fifokoa’ i
Daney t’Ionatane, ana’ i Gersome, ana’ i Menasè, ie naho o ana’eo, ampara’ ty andro
nandrohizañe i taney. [31] Aa le natroa’ iareo i saren-katae pinatepatetse tsinene’ i
Mikay; amo hene andro naha-te Silò§ ao i kivohon’ Añahareio.

# 19

[1] Tañ’andro zay, ie tsy amam-panjaka t’Israele, le teo ty nte-Levý nañialo ankalo’
o vohi-bohi’ i Efraimeo, nangalake sakeza e Betlekheme’ Iehoda añe, [2] fe nanao
hatsimiriràñe ama’e i amato’ey vaho nisitak’ aze nimpoly mb’ añ’ anjomban-drae’e
e Betlekheme’ Iehoda añe le nandrare tobok’ añe efa-bolañe. [3] Niavotse hañorik’ aze
mb’eo amy zao i vali’ey, hamere aze vaho hampoli’e; nindre ama’e ty mpitoro’e naho
ty borìke roe; le nampihovae’ i ampelay añ’ anjomban-drae’e ao; aa ie nionin-drae’
i ampelay, le niehake te nifandrendrek’ ama’e; [4] nitañ’ aze eo i rafoza’ey, ty rae’ i
ampelay, naho niambesatse telo andro ama’e re nikama naho ninoñe, vaho nialeñ’
ao. [5] Aa amy andro fahefatsey, ie nitroatse marain-dray, le niongake hañavelo mb’eo i
nte-Leviy; fa hoe ty rae’ i ampelay amy vinanto’ey, Ampaozaro ty arofo’o ami’ty mofo
piti’e, vaho hiavotse. [6] Niambesatse amy zao iereo roroe, nikama naho ninoñe, le hoe
ty rae’ i ampelay amy ‘ndatiy, Ehe te hahafale azo ty hitambatse atoy, hampihaha ty
arofo’o. [7] Aa ie niongake hañavelo indatiy, le nanjitse aze ty rafoza’e hitambatse ao
hey hialeñe. [8] Niampitso amy andro faha-limey re hañavelo, fa hoe ty rae’i ampelay:
Ehe, ampitofào ty arofo’o, vaho mahaliñisa ampara’ te miroñe ty andro; aa le nikama
iereo roe. [9] Ie niongake hienga mb’eo indatiy, ie naho i sakeza’ey vaho i mpitoro’ey;
le hoe ty asa’ i rafoza’e, rae’ i ampelaiy ama’e: Hehe te ho haleñe i àndroy; Ehe
mialeña atoa, hahafale ty arofo’o, le hañaleñalen-drehe te maray hañavelo mb’

‡ **18:28** Bete-rekhobe: traño bey malalake § **18:31** Silò: niraheñe

an-kiboho'o mb'eo. 10 Fe tsy nimete nialeñe ao ka indatiy; niongake re, niavotse
vaho niary e Iebose, toe Ierosalaime; ama'e i borìke roe reke-pitobohañe rey, naho i
sakeza'ey. 11 Aa ie narine Iebose, le fa ho nitsofotse i àndroy vaho hoe i mpitoroñey
amy talè'ey, Antao hitsile mb' amo rova' o nte-Ieboseo mb'eo, hialeñe ao. 12 Fa hoe i
talè'ey tama'e: Tsy hitsile etoa tika, himoak' an-drovan' ambahiny ao ie tsy a o ana'
Israeleo; hionjomb'e Gebà* mb'eo tika. 13 Le hoe re amy mpitoro'ey, Antao hañarine
ty raik' amo toetse zao hialeñan-tika: ke e Gebà he e Ramà† ao. 14 Aa le nionjoñe
iereo nanjotike mb'eo, ampara' te nitsofotse ty àndro, ie marine' i Gebà' i Beniamine.
15 Niveve mb'eo iereo, nimoake, hialeñe e Gebà ao; le nizilik' ao nitoboke an-kiririsa'
i rovay amy te tsy eo ty nampihova iareo añ'anjomba'e.
16 Ingo amy zao, ty androanavy boak' añ'ava, an-tete'e añe amy harivay, boak' am-
bohi' i Efraime nañialo e Gebà ao, fa ana' Iemený ka ondaty an-toetseo. 17 Niandra
amy zao i androanaviy, nahaoniñe i mpañavelo an-tamea' i rovay vaho hoe re
tama'e: Homb'aia rehe, naho boak'aia? 18 Le hoe re tama'e: Fiboaha'ay ty
Betlekheme' Iehoda mionjoñe mb'añ' ila' i vohi' Efraimey mb'eo, i nihirifakoy, te
Betlekheme' Iehoda hey, le mb'an-kiboho' IEHOVÀ mb'eo, fe tsy eo ty mampihova
anay añ' anjomba'e, 19 ndra te aman' ahetse naho haneñe o borìke'aio vaho ao ty
mofo naho divay ho anay naho o mpitoro'o ampelao naho i ajalahy mindre amo
mpitoro'ooy; toe tsy amam-pipaiañe. 20 Le hoe i androanaviy, Fañanintsiñe ama'o;
hene apoho amako ze mete ho paia'o fe ko mialeñe an-tameañe atoy. 21 Aa le
nampihovae'e añ'anjomba'e ao, naho finaha'e ahetse o borìkeo. Nanasa fandia iareo,
le nikama vaho ninoñe.
22 Aa ie nampifale arofo le niheo mb'eo ondati' i rovaio, ondaty tsy manjofakeo
haname i anjombay mb' atia mb' aroa naho namofoke i lala'ey vaho nanao amy
tompon' anjombay, amy androanaviy ty hoe, akaro indaty nizilik' an-kiboho'oy,
haharendreha'ay aze. 23 Niakatse mb'am' iereo ao amy zao indatiy, i tompon'
anjombay, nanao ty hoe ama'e, Tsie, ry longokoo, ehe, ko manao o halò-tsereke
zao, oniñe te nizilik' añ' akibako atoy indatiy, ko anoe' areo o hatsivokarañe zao.
24 Ingo ty somondrara anak' ampelako naho i sakeza'ey; hakareko iereo henaneo,
ampiambaneo, le ano ze atao' areo ho soa; fa ko manao o hagegeañe zao amy 'ndatiy.
25 Fe tsy hinao' ondatio, aa le rinambe' indatiy i sakeza'ey naho nasese'e mb'am'
iereo; le nandrendrek' aze iareo vaho nivahora' iareo ampara' te niporea' ty maray;
aa ie ho nanjirike i àndroy, le navotso' iareo. 26 Aa le nimb'eo ami'ty mielizava i
ampelay nikorovoke an-dalan' anjomba' indaty niheove' i talè'ey ampara' te nazava.
27 Nitroatse te manjirik' àndro i talè'ey nanokake o lalan' anjombao vaho niakatse
hiavota'e mb'eo fe heheke i ampela sakeza'ey nibabok' an-dala' i anjombay eo, o
taña'eo an' tokonañe eo. 28 Le hoe re ama'e, miongaha, fa hionjomb'eo tika; f'ie
tsy amam-panoiñe; aa le niongake indatiy naho nasampe'e amy borikey, vaho noly
mb'an-toe'e mb' eo. 29 Aa ie pok'an-kiboho'e ao, nangalake meso naho rinambe'e i
sakeza'ey le tinori'e folo-ro'amby, fange am-pange'e, vaho hene nampihitrife'e mb'
amo efe' Israeleo mb'eo. 30 Aa le hoe ty natao' o nandrendrek' azeo, Mbe lia'e tsy
nanoeñe, tsy nioniñe o sata zao sikal' amy andro niavota' o ana' Israeleo an-tane
Mitsraimey ampara' te henane, ivetsevetseo, isafirio, vaho ifanaontsio.

# 20

1 Aa le hene nienga mb'eo o ana' Israeleo; nifanontoñe hoe ondaty raike i
valobohòke boake Dane pake Bir'sebà naho an-tane Giladeiy, nimb'am' IEHOVÀ e
Mitspà añe. 2 Aa le niatreke i fivoribei' ondatin' Añahareoy o mpiaolo' ondaty
iabio, ze hene fifokoa' Israele, lahin-defo efats-etse songa mpitàm-pibara. 3 Jinanji' o

* 19:12 Gibà; tamboho † 19:13 Ramà; miereñereñe ambone;

ana’ i Beniamineo ka te nionjom-be Mitspà mb’eo o ana’ Israeleo. Le hoe o ana’
Israeleo, Atalilio ama’ay o haloloañe zao. 4 Aa le hoe ty natoi’ i nte-Levy vali’ i
rakemba vinonoiy, Nimoake e Gebà’ i Beniamine raho rekets’ i sakezakoy hialeñ’ ao.
5 Nitroatse hiatreatre amako amy haleñey ondati’ i Gebào, le ho naname ahy añariari’
i anjombay, hañoho-doza amako, fe nazi’ iareo i sakezakoy, ie mate henaneo. 6 Aa le
rinambeko i sakezakoy naho tinoritoriko vaho nampisangitrifeko hanitsike ze fonga
tane linova’ Israele; ty amy halò-tserehañe naho hagegeañe e Israele ao. 7 Aa ie
henaneo ry ana’ Israeleo, inahareo iaby, taroño etoañe ty fanoroa’ areo, ty safiri’
areo. 8 Aa le songa niongake hoe ondaty raike i màroy nanao ty hoe, Leo raik’ aman-
tika tsy homb’ añ’akiba’e mb’eo, naho tsy ama’ay ty hitsile mb’ an-kiboho’e añe. 9 Fe
zao ty hanoentika amy Gebà: ho tamè’ay an-kitsapake; 10 vaho hangalà’ay ondaty folo
ami’ty zato boak’amy ze hene fifokoa’ Israele, naho zato ami’ty arivo, naho arivo
ty añ’ale, hitoha vaty ho a ondaty ho mb’e Gebà’ i Beniamine añe hiatrek’ aze ty
amy fonga hagegeañe nanoe’ iereo e Israeley. 11 Aa le nifanontoñe hañatreatre i
rovay ondati’ Israele iabio, vinanditse h’ondaty raike. 12 Nahitri’ o fifokoa’ Israeleo
ondaty hanitsike ty fifokoa’ i Beniamineo hañontane ty hoe: Ino ze o haloloañe
nifetsak’ ama’ areo zao? 13 Ie amy zao akaro indaty rey, o tsivokatse e Gebào,
hañohofa’ay loza, hañaria’ay amy Israele o haloloañe zao. F’ie tsy hinao’ i Beniamine
ty fiarañanaña’ o longo’e ana’ Israeleo. 14 Te mone nifanontoñe e Gebà ao boak’
amo rova’eo o ana’ i Beniamineo hialy amo ana’ Israeleo. 15 Vinolily tañ’ andro
zay te ro’ale-tsi-eneñ’ arivo ty mpitàm-pibara amo ana’ i Beniamineo niboak’ amo
rova’eo, mandikoatse o mpimoneñ’ e Gebào; nifiton-jato t’indaty ao. 16 Fiton-jato
am’ ondaty iabio ty ni-fitàn-kavia; songa nahafipiletse vato ami’ty treham-bolo le
tsy nivio. 17 Niaheñe ho efats-etse ondaty mpitàm-pibara’ Israeleo, (tsy ama’e t’i
Beniamine); songa lahin-defoñe. 18 Aa le niongake vaho nionjomb’e Betele mb’eo
o ana’ Israeleo, nañontane ze hatoron’ Añahare, ami’ty hoe, Ia ama’ay ty hionjon-
kialy amo Ana’ i Beniamineo valoha’e? Le hoe t’IEHOVÀ: Iehoda ty hiaolo. 19 Aa le
nañaleñaleñe o ana’ Israeleo nitobe ampiatrefañe i Gebà ey. 20 Le nionjon-kialy amy
Beniamine mb’eo o ana’ Israeleo; nalaha’ o nte-Israleo amo nte-Gebao ty hotakotake.
21 Niakatse boake Gebà amy zao o ana’i Beniamineo vaho narotsa’ iareo an-tane
amy andro zay t’indaty ro-ale-tsi-ro-arivo amo ana’ Israeleo. 22 Nifañosike ondatio,
o ana’ Israeleo, vaho nalaha’ iareo amy toetse nilahara’ iareo tamy andro valoha’eiy
indraike hihotakotake. 23 Aa le nionjoñe mb’eo o ana’ Israeleo nirovetse añatrefa’
IEHOVÀ ampara’ te haleñe, le nihalaly am’ IEHOVÀ ami’ty hoe, Aa vaho harineako
amañ’aly indraike hao o ana’ i Beniamine rahalahikoo? Le hoe t’IEHOVÀ, Mionjona
mb’ ama’e. 24 Aa le niharinea’ o ana’ Israeleo o ana’ i Beniamineo amy andro
faharoey. 25 Le niavotse hiatreke iareo boake Gebà t’i Beniamine amy andro faha-roey
vaho rinotsa’e an-tane indraike o ana’ Israeleo ty lahindefoñe rai-ale-tsi-valoarivo
songa mpitàm-pibara. 26 Nionjomb’e Betele mb’eo o ana’ Israeleo naho ondaty
iabio le nangolololoike ty rovetse naho niambesatse añatrefa’ IEHOVÀ, naho nililitse
amy andro zay ampara’ te haleñe vaho nañenga soroñe naho engam-panintsiñañe
añatrefa’ IEHOVÀ. 27 Le nañontanea’ o ana’ Israleo t’IEHOVÀ (amy te tao i vatam-
pañinan’Añaharey tañ’ andro zay; 28 vaho nijohañe añatrefa’e t’i Pinekase ana’i
Elazare ana’ i Aharone fahe-zay) ami’ty hoe: Mbe hionjo hifandraparapak’ amo ana’
i Beniamine rahalahikoo hao raho? Le hoe t’IEHOVÀ: Mionjona amy t’ie hatoloko am-
pità’o te hamaray. 29 Aa le niarikatohe’ Israele mpamandroñe ty Gebà. 30 Le nionjoñe
haname o ana’ i Beniamineo o ana’Israeleo amy andro fahateloy vaho nidadañe
niatreke i Gebà manahake i nanoe’ey. 31 Aa le niavotse hiatrek’ ondatio o ana’ i
Beniamineo, le nasitak’ amy rovay; toe nigarabiñ’ aly naho namono an-damoke ey
nanahak’ i añey, amy mionjomb’e Betele mb’eoy naho amy mb’e Gebà mb’eoy, naho

an-tetekey, ondati' nte' Israele telo-polo varañe. 32 Le hoe ty asa'o ana' i Beniamineo:
Fa mibaibay aolon-tikañe eo iereo manahake tam-baloha'ey; ami'ty nanoa' o ana'
Israeleo ty hoe: Antao hitriban-day hanitake iereo amy rovay mb'an-damoke mb'eo.
33 Ie amy zao hene niongak' an-toe'e eo o ana' Israeleo naho nijohañe am-piriritañe
i Baale Tamare* ey; le niboroboñak' amo toe'eo amy zao o mpivandroñeo, naho
boak' an-kivo' i Gebà ao. 34 Aa le rai-ale amo jinoboñe amy ze hene ana' Israele ty
naname i Gebà, naho nifandrapake an' aly; fe namoea' i Beniamine te nitotofen-
kankàñe. 35 Aa le linafa' IEHOVÀ añatrefa' Israele t'i Beniamine; le nanjamañe
nte-Beniamine ro' ale-tsi-lime-arivo-tsi-zato o ana' Israeleo, songa mpitàm-pibara.
36 Nioni' o nte-Beniamineo amy zao t'ie gioke, ie nanao te tsy hahafitroatse amy
Beniamine o ana' Israeleo; fe niantofa' iereo o mpamandroñe najado' iareo marine
i Gebào. 37 Aa le nipiriritse mb'eo o namandroñeo, nipitsike ty lay mb'e Gebà
mb'eo; nikovovoke mb'eo o namandroñeo, nandafa i rova iabiy an-dela-pibara.
38 Ie amy zao ty viloñe tinendre añivo' o ana' Israeleo naho o namandroñeo, le
t'ie hampionjoñe hatoeñe mandrahoñe boak' an-drova ao. 39 Aa le nitolik' amy
hotakotakey o ana' Israeleo, ie fa niorotse nandafa naho namono ondaty telopolo
varañe t'i Beniamine, le natao' iereo ty hoe: toe mifitak' aolon-tikañe eo iereo
manahak' i fifandraparapahañe valoha'ey. 40 Fe nioro-pionjoñe boak' an-drova ao
i rahon-katoeñe mijoalay, le nitolike o nte-Beniamineo: vaho hehe te nionjoñe an-
katoeñe mb'an-dikerañe ey ty famorototoañe i rovay. 41 Nitolik' amy zao ka o ana'
Israeleo vaho niroreke o nte-Beniamineo, fa naharendreke te nizo hankàñe. 42 Aa le
niambohoa' iareo o ana' Israeleo, nimb' ampatrambey mb'eo, fe nañoridañe iareo
i aliy, nanjamañe boak' am-boho ka o niavotse o rovao. 43 Le hinoro' iareo o nte-
Beniamineo naho nañinjake tsy am-pitofàñe, vaho maro ty nandialià' iareo pak' e
Gebà mb'am-panjirihan' andro mb'eo. 44 Le rai-ale-tsi-valo-arivo ty nihotrak' amo
nte-Beniamineo; songa fanalolahy. 45 Nitolike iereo le nilay mb' am-patrambey mb'eo
mb'amy vato' i Rimoney† mb'eo; aa le tsinindro' iareo an-dalañe mb'eo t'indaty lime-
arivo, naho nangoroñe iareo pake Gidome‡ añe vaho nandafa ondaty ro-arivo. 46 Aa
le nte-Beniamine ro-ale-tsi-lime-arivo ty nikorovoke tañ' andro zay, songa mpitàm-
pibara, ondaty maozatse. 47 Fe nitolike naho nitriban-day mb'am-Bato Rimone am-
patrambey mb'eo ty lahindefo enenjato nipalitse am-Bato Rimone ao efa-bolañe.
48 Nitolike mb'amo ana' i Beniamineo amy zao o ana' Israeleo le linafa'e an-dela-
pibara iaby o rova'eo naho o añombe'eo ze fonga nioni' iareo; vaho fonga namiañañ'
afo ze rova nizoeñe.

# 21

1 Ie amy zao, fa nifanta e Mitspà añe o lahilahy ana' Israeleo ami'ty hoe: Leo raik'
amantika tsy hanolotse ty anak' ampela'e amy Beniamine ho vali'e. 2 Aa le nomb'e
Betele mb'eo ondatio naho niambesatse añatrefan' Añahare ampara' te hariva vaho
nampipoña-peo nangolololoike ty rovetse 3 ami'ty hoe: Ry IEHOVÀ, Andrianañahare'
Israele, Akore te nitendreke e Israele ao t'ie ho po-pifokoañe raike t'Israele te anito?
4 Ie amy loak' àndroy, nañaleñaleñe ondatio, le nandranjy kitrely vaho nañenga
soroñe naho engam-panintsiñañe. 5 Le hoe ty enta' o ana' Israeleo: Ia amo hene
fifokoa' Israeleo hao ty tsy nimb' amy fivori' IEHOVÀy mb'eo? Amy t'ie nititike do'e te
ze tsy nionjoñe mb' am-pivori-bei' IEHOVÀ e Mitspà ao ro havetrake. 6 Aa ie naneñeñe
i Beniamine rahalahi' iareo o ana' Israeleo le nanao ty hoe: Nifañito amy Israele ty
fifokoañe raik' anindroany. 7 Hatao akore ty hampanambalieñe o sisao, kanao nititik'
amy IEHOVÀ tika te tsy hitolorañe o anak' ampelan-tikañeo? 8 Le hoe iereo: Ia amo

* 20:33 Tamare: satrañe † 20:45 Rimone: miereñereñe; ‡ 20:45 Gidome: fangoakoahañe

fifokoa’ Israeleo ty tsy nimb’ amy IEHOVÀ e Mitspà mb’eo? Toe tsy an-tobe’ Iabese-
Gilade ao ty nimb’ am-pivoriy mb’eo. 9 Amy te ie vinolily ondatio, inao, leo raik’ amo
mpimone’ Iabese-Gilade tsy nizoeñe. 10 Aa le nampihitrife’ i valobohòkey mb’eo ty
rai-ale-tsi-ro’arivo amo fanalolahio vaho nafantok’ ama’e ty hoe: Akia, zamano an-
dela-pibara o mpimone’ Iabese-Giladeo rekets’ o ampelao naho o ajajao. 11 Le zao ty
hanoe’ areo: ho mongore’ areo ze lahilahy naho ze rakemba fa nifandia-tihy ama’
ondaty.
12 Tendreke iareo amy zao amo mpimone’ Iabese-Giladeo ty somondrara efa-jato,
tsy nahafohiñe ondaty, mboe tsy niolots’ aman-dahilahy, le nendese’ iareo mb’ an-
tobe e Silò, an-tane Khanàne añe. 13 Le nirahe’ i fivoribey iabiy, ty hisaontsy amo
ana’ i Beniamine am-bato Rimoneo, hikoike iareo an-kanintsiñe. 14 Aa le nimpoly t’i
Beniamine henane zay, vaho natolots’ iareo o somondrara’ Iabese-Gilade nirombahe’
iereo veloñeo; f’ie tsy nahaeneke. 15 Aa le nisolohoa’ ondatio t’i Beniamine amy
jebañe nanoe’ IEHOVÀ amo fifokoa’Israeleo. 16 Le hoe o talè’ i valobohòkeio: Hanoen-
tika ino ka ty hanambalia’ o sisao kanao nimongoreñe amy Beniamine ze atao
ampela? 17 Le hoe iareo: Tsy mete tsy ho lova’ i Beniamine o nahapolititseo, tsy mone
ho mongotse am’ Israele ty fifokoañe raike. 18 Ie amy zao, tsy mete manolotse o anak’
ampelan-tikañeo ho vali’ iareo tika, amy titike nifantà’ o ana’ Israeleoy ami’ ty hoe:
Fatse ty manolotse valy amy Beniamine. 19 Le nitsaraeñe ty hoe: Inao! e Silò avara’ i
Betele naho atiñanan-damoke miboak’ e Betele mb’e Sekeme mb’eo, vaho mañatimo
i Lebonà mb’eo ty sabadidak’ amy IEHOVÀ boa-taoñe. 20 Aa le nafanto’ iareo amo
ana’ i Beniamineo ty hoe: Akia mietaha an-tanem-bahe ao; 21 le mandrendreha naho
miakatse mb’ eo o anak’ ampela’ i Silòo hitsinjak’ an-tsikidola, le miavota amo tanem-
baheo songa hitsepake ty ho tañanjomba’e boak’ amo anak’ ampela’ i Silóo, vaho
akia mb’ an-tane Beniamine añe. 22 Ie amy zao, naho mb’ atoy o roae’eo ndra o
rahalahi’eo hitoreo ama’ay, le hanoe’ay ty hoe, Iferenaiño, amy te tsy nañeneke o
ampela rinambe’ay amy hotakotakeio songa hahazoa’ iareo valy; mbore tsy ho tinolo’
areo ka tsy mone ho nanan-kakeo henaneo. 23 Aa le nanoe’ o ana’ i Beniamineo,
nangala-baly nahaeneñe ty ia’ iareo amo nitsinjakeo; le nienga naho nimpoly mb’an-
dova’ iareo añe naho namboatse rova vaho nimoneñe ao. 24 Aa le nienga boak’ ao
amy zao o ana’Israeleo songa mb’ampifokoa’e mb’eo naho mb’ amo keleia’eo; sindre
niavotse hirik’ ao namonje ty lova’e.
25 Ie tañ’andro zay tsy amam-panjaka t’Israele; songa nanao ze natao’e ho mahity
am-pihaino’e ao*.

* **21:25** Mpz 17:6, Its 12:8

# Rote

1 Tañ’andro nifehea’ o mpizakao, le nisalikoeñe i taney vaho nitaveañe mb’an-
tane Moabe t’i nte-Betlekheme* e Iehoda, ie naho i tañanjomba’ey reketse ty ana-
dahi’e roe. 2 I Elimeleke† ty tahina’ indatiy naho i Noomie‡ ty tahina’ i vali’ey vaho
natao ty hoe Maklone§ naho Kiliona* i ana-dahi’e roe rey. Nte Efratà e Betlekheme
Iehoda iereo, nimb’an-tane Moabe mb’eo vaho nitambatse añe. 3 Nihomak’ amy zao
t’i Elimeleke, vali’ i Noomie; nifary aze naho i ana-dahi’e roe rey 4 ie songa nañenga
ampela nte-Moabe ho vali’e; i Orpae† ty añara’ty raike naho i Rote‡ ty añara’ ty
raike le nimoneñe ao folo taoñe varañe, 5 vaho sindre nihomake t’i Maklone naho
i Kiliona, aa le pok’ ana-dahy roe naho i vali’ey i rakembay. 6 Niongake amy zao re
himpoly rekets’ o vinanto’eo boak’ an-tane Moabe añe, amy t’ie nahajanjiñe an-tane
Moabe ao te nihaoñe’ Iehovà ondati’eo le fa nifahana’e mahakama. 7 Aa le niavotse
i fimoneña’ey, ie naho i vinanto’e ampela roe rey vaho nionjomb’ an-tane Iehoda
mb’eo; 8 le hoe ty asa’ i Noomie amy vinanto’e roe rey, Akia, mimpolia songa mb’ añ’
anjomban-drene’e mb’eo. Hitahy anahareo t’Iehovà mira ami’ty nañasoa’ areo ahy
naho i nivilasy rey. 9 Hitolora’ Iehovà abey t’ie songa handrèndreke fañanintsiñe an-
kibohom-bali’e ao. Norofa’e amy zao le sindre nangololoike; 10 vaho hoe ty lie’ iareo
aze: Aiy! hindre fimpoly ama’o mb’am’ ondati’oo mb’eo zahay. 11 Hoe ka t’i Noomie,
Mibaliha ry anake, aia ty hindreza’ areo lia amako? Mbe aman’ ana-dahy an-koviko
ao hao ho valie’ areo indraike? 12 Mimpolia ry anako, akia! fa loho bey raho te
hanam-baly. Aa naho nanoeko ty hoe, Amam-pitamàn-draho, naho toe hanam-baly
anito haleñe, vaho nahasamake ana-dahy, 13 ho liñe’ areo hao te añoñ’ay? hifoneña’
areo te tsy hengaeñe? Aiy, ry anako, loho mafaitse amako ty ama’ areo zay, amy te
nafote’ Iehovà amako ty fità’e. 14 Nirovetse indraike iereo. Norofa’ i Orpae ty rafoza’e
fe nipitek’ ama’e t’i Rote.
15 Aa hoe re, Hehe te nimpoly mb’am’ ondati’eo naho mb’andrahare’e mb’eo ty
rañao’o; ehe oriho i rañao’oy. 16 Fe hoe ty asa’ i Rote:
Ko osihe’o hieng’ azo,
ndra hibalike tsy hañorihako ka!
Ze omba’o hombako,
ze imoneña’o himoneñako;
ho ondatiko ondati’oo,
le ho Andrianañahareko
t’i Andrianañahare’o.
17 Ze ihomaha’o ty hikenkañako,
le ao ty hampigodoñañ’ahy.
Ee te hanoe’ Iehovà amako
vaho lombolombo zay ka,
naho tsy ty havilasy avao
ty hifampiriañ’ antika!
18 Ie nioni’e te niharoke, te hindre lia ama’e, le tsy nisaontsie’e ka. 19 Aa le nitrao-
pañavelo, ie roe ampara’ te nigodañe e Betlekheme ao. Ie pok’e Betlekheme le
nangetseketseke iaby i rovay ty am’ iereo; le hoe o rakembao: I Noomie hao? 20 Le
hoe re am’ iereo:
Ko atao’ areo Noomie ka,

---

* **1:1** Betlekheme: Anjomba-mahakama (mofo) † **1:2** Elimeleke: Andrianañahare Mpanjakako ‡ **1:2** Noomie: Fanjaka § **1:2** Maklone: Siloke * **1:2** Kiliona: Minike † **1:4** Orpae: gan-katoke ‡ **1:4** Rote: rañetse

te mone [§]Màra ty hanoa' areo ahy,
ty amy hafairañe nanoe'
i El-Sadai amakoy.
21 Nianjan-draho te nionjoñe,
fe nampolie' IEHOVÀ kapaike;
ino ty anoa' areo ahy Noomie
kanao nanesek' ahy t'IEHOVÀ,
vaho hankàñe ty nafetsa'
i El-Sadai amako?
22 Aa le nimpoly t'i Noomie rekets' i Rote nte Moabe vinanto'e nindre-lia ama'e boak' an-tane Moabe añe, niheo e Betlekheme ao ami'ty fifotoram-pitatahañe vare hordea.

# 2

1 Ie amy zao, nanan-dongo amy vali'ey t'i Noomie, ondaty jòmake vaho
mpañaleale, fifokoa' i Elimeleke; [*]Boaze ty tahina'e. 2 Le hoe t'i Rote nte
Moabe amy Noomie, Angao homb' an-teteke mb'eo raho henaneo, hitimponako,
ampanonjohizañe ty hitendrehako fañisohañe am-pahaisaha'e. Aa le hoe re tama'e,
Akia, anako! 3 Nimb'eo re nitimpoñe, nañorike o mpanatak' an-tetekeo: vaho
tendreke te nivotrak' añ' ila' ty tonda' i Boaze i tam-pifokoa' i Elimelekey.
4 Pok'eo amy zao t'i Boaze boake Betlekheme añe, le hoe re amo mpanatakeo, Ho
ama' areo t'IEHOVÀ, le hoe ty natoi' iereo, Hitahy azo t'IEHOVÀ. 5 Aa le hoe t'i Boaze
amy mpitoro'e nampisarie'e o mpanatakeoy, Ana' ia o ampelao?
6 Tinoi' i mpisarim-panatakey ami'ty hoe, Ie i ampela nte Moabe noly atoy nindre
amy Noomie boak'an-tane Moabe añey: 7 ty hoe ty nata'e: Mihalaly ama'o, ehe
apoho raho hitimpoñe am-pañorihañe o mpanatakeo naho hanontoñe añivo' o
fitoboroña'eo. Aa le nimb'eo animaray re nitoloñe pake henane, naho tsy t'ie nitofa
kedekede an-kibohotse ao.
8 Aa le hoe t'i Boaze amy Rote, Mahafitsanom-bao, anako? Ko mitimpoñe an-
tete' o ila'eo naho ko iavota'o ty atoy vaho mirampia amo ampelakoo. 9 Isaho soa
i teteke timpona' iareoy naho oriho; tsy fa nafàntoko hao o ajalahio tsy hañedre
azo? le ie maran-drano, mandenà mb' amo fitovio vaho minoma amo tinari' o
ajalahioo, 10 Nibabok' an-tarehe'e re, toe nibokok' an-tane, le nanoa'e ty hoe, Inoñe
ty nahatreavako fañisohañe am-pahaoniña'o, t'ie ho haoñe'o, oniñe te renetane?
11 Nanoiñe aze t'i Boaze nanao ty hoe: fa naborak' amako ze he'e nanoe'o amy
rafoza'o ampelay boak'amy nihomaham-bali'oy; naho t'ie nienga rae naho rene, naho
i tane nahatoly azoy, vaho nivotrak' am' ondaty nialik'ama'oo. 12 IEHOVÀ abey ty
hanambe ty fitoloña'o; vaho hañondrok' azo an-kalifora'e t'IEHOVÀ Andrianañahare'
Israele fa ambane' o ela'eo ty nomba'o mb'etoa hitsoloke.
13 Aa le hoe re, Ehe t'ie hahatrea fañisohañe am-pahaoniña'o, ry talè, fa
nampanintsiñe'o, vaho toe nitaroñe an-tro' o mpitoro'o ampela toio, ndra te tsy
ampanahafeñe ami'ty raik' amo mpitoro'o ampelao.
14 Ie am-pikamañe ao, hoe t'i Boaze ama'e, Mb'etoa, mitendrea mofo naho alòño
amo vinaigrao ty romo-mofo'o. Nitoboke marine o mpanatakeo re, vaho nanjotsoa'
iareo ampemba tono. Nikama re le nianjañe vaho nanisa. 15 Ie niongake hitimpoñe,
le hoe t'i Boaze amo ajalahi'eo, Angao re hitimpoñe amo mitoboroñeo, vaho ko
onjireñe. 16 Tsongò ho aze ka amo nitoboroñeo, le apoho eo ho timpone'e vaho
ko trevoheñe. 17 Aa le nitimpoñe amy tetekey re ampara' te hariva; vaho finofo'e i

§ **1:20** Mara: mafaitse * **2:1** Boaze: Ama'e ty haozarañe

nitimpone'ey le nahaatsake ty efà i ampembay. 18 Rinambe'e naho niheo mb'an-
drova mb'eo, le niisa' i rafoza'e ampelay i tinimpo'ey; nakare'e ka i nasisa'e te
nieneñey vaho nazotso'e. 19 Le hoe i rafoza'e ampelay ama'e, Aia ty nitimpona'o
anindroany? Le aia i nitoloña'oy? Ho tahieñe abey i nandrendrek' azoy. Aa le
tinaro'e amy rafoza'e ampelay i nitoloña'ey vaho nanao ty hoe: i Boaze ty tahina'
indaty amy nitoloñakoiy. 20 Le hoe t'i Noomie amy vinanto'ey, ho tahie' IEHOVÀ, amy
te tsy napo'e ty fatariha'e ke ami'ty veloñe he ami'ty mate. Aa hoe t'i Noomie ama'e:
Longo marine antika indatiy, raik' amo mahajebañe an-tikañeo.

21 Le hoe t'i Rote nte Moabe, Eka, inao i asa'e amakoy: Harineo nainai'e o ajalahikoo
ampara' te henefe' iareo i fitatahañey. 22 Aa le hoe t'i Noomie amy Rote vinanto'e,
mete, anako, ty indreza'o amo mpitoroñ' ampela'eo tsy mone ho tsoboreñe t'ie an-
tetek' ila'e añe. 23 Aa le nimanea'e orike o mpitoro-ampela' i Boazeo, nitimpoñe am-
para te niheneke ty fitatahañ' i ampembay vaho ty fitataham-bare-bolè; ie nimoneñe
amy rafoza'e ampelay.

# 3

1 Le hoe t'i Noomie rafoza'e ampela ama'e: O anako, tsy hipaiako fitsolohañe hao
hañasoañe azo? 2 Aa tsy longon-tikañe hao t'i Boaze nindreza'o amo mpitoroñ-
ampela'eoy? Hamofoke vare-hordea an-tane famofohañe eo re te haleñe. 3 Aa
le miandroa rehe, naho mihosora, naho aombeo ty saro'o soa, vaho mizotsoa
mb' an-tane-pamofohañe mb'eo, fe ko ampandrendrehe'o aze, ampara' t'ie anjañe
mahakama naho rano. 4 Ie amy zao, naho màndre re, isaho i andrea'ey, le iziliho;
afaho ty am-pandia'e eo, le mandrea eo, vaho ho saontsie'e ama'o ty hanoe'o.

5 Le hoe re tama'e: Hanoeko iaby i linaño'o amakoy, 6 aa le nizotso mb' am-
pamofohañe mb'eo re nanao i nitoroa' i rafoza'e ampelaiy.

7 Ie fa nikama naho ninoñe t'i Boaze, vaho nifale ty tro'e, le niavotse handre añ'ila'
ty fitoboroñam-bare ey; nipiapia mb'eo re nañafake ty am-pandia'e vaho nandre eo.
8 Ie niantets' aleñe, nitsekake indatiy le nañorirañe vaho hehe te ampela ty nandre
an-tombo'e eo. 9 Aa hoe re, Ia v'iheo? Le hoe re, I Rote mpitoro'o ampelay; ehe,
alafiho amo mpitoro-ampela'oo ty saro'o amy t'ie longo mahafijebañe.

10 Le hoe re, Ho tahie' IEHOVÀ rehe, anako; lombolombo te amy fatariha'o am-
baloha'ey ty fatariha'o am-para'e, amy te tsy norihe'o o ajalahio ke t'ie mpañarivo
he te rarake. 11 Ie amy zao, anako, ko hembañe, fa hene hanoeko ama'o i vinola'oy;
fa fohi' i fivori' ondaty an-dalambey iabiy te ampela vañon-drehe. 12 Aa le ndra te
to t'ie longo mpijebañe, mbe eo ty longo-mpijebañe marine te amako. 13 Eo hey rehe
ami'ty haleñe toy le ie maraiñe, naho mete hijebañe azo re, angao hijebañe, fa naho
tsy mete hijebañ' azo, le kanao veloñe t'IEHOVÀ, zaho ty hijebañe; mandrea ampara'
te maraindray. 14 Aa le nandre am-pandia'e eo re ampara' te niporea' ty maraindray;
vaho nañaleñaleñe aolo' ty hahafifankaoniña' ondaty, ty amy saontsi'ey ty hoe: Ao
tsy hapota' ondaty te niheo am-pamofohañe atoy ty ampela.

15 Le hoe re, Tano o sarom-pikolopofa'oo, naho atantezo; le vinela'e naho narane'e
ama'e ty vare-hordea enem-pañaranañe, le nampilolohaze'e vaho niavotse mb' an-
drova mb'eo. 16 Aa hoe ty asa' i rafoza'e ampelay tama'e t'ie pok'eo, Akore henaneo,
anako? le natalili'e ama'e i nanoa' indatiy azey, 17 vaho hoe re: Natolo'e ahy o vare-
hordea fañaranañe eneñe toañe ami'ty hoe, Ko mimpoly mañomaño mb' aman-
drafoza'o ampela ao.

18 Le hoe re, Eo hey anako, ampara' te fohi'o ty figadoña'e; fa tsy hitofa indatiy
ampara' te henefe'e anito i rahay.

# 4

1 Ie amy zay, nionjom-ban-dalambey mb’eo t’i Boaze le niambesatse vaho inge
niary eo i longo-mpijebañe nisaontsie’ i Boazey, le hoe re tama’e, O, koahe! miviha,
miambesara etoa. Aa le nivike mb’eo re niambesatse. 2 Nedre’e amy zao ty
androanavy folo’ i rovay vaho natao’e ty hoe: Miambesara atoy. Le niambesatse
iereo. 3 Le hoe re amy longo-mpijebañey: Fa nivotrak’ atoy t’i Noomie boak’an-tane-
Moabe añe, le fa haleta’e ty tane’ i Elimeleke rahalahin-tikañey, 4 le nataoko ho soa
ty hampiboahako ama’o, ami’ ty hoe; Kalò añatrefa’ o miambesatse etoañeo aolo’
o androanavi’ ondatikoo. Aa naho ho jebañe’o le jebaño; fa naho tsy hijebañañe le
saontsio, ho fantako; fa tsy eo ty hijebañe aze naho tsy ihe; le zaho ty manonjohy. Le
hoe re: Ho jebañeko.
5 Aa hoe t’i Boaze: Amy andro ivilia’o am-pità’ i Noomie i taney, tsy ho nikaloe’o
ka hao t’i Rote nte Moabe, vali’ i nihomakey, hampitroara’o amy lova’ey ty tahina’ i
nivilasiy?
6 Aa hoe i longo-mpijebañey, Tsy lefeko ty hijebañe aze ho ahiko, tsy mone
hampiantoeko ty lovako; aa le rambeso ty zom-pijebañañe; fa tsy meteko ty hijebañe
aze.
7 Zao ty nililitse taolo e Israele ao ty amy fijebañañey naho o fanakaloañeo,
hañatò ze he’e: Afaha’ t’indaty ty hana’e vaho atolo’e am’ondatio; zay ty fitaliliañe
e Israele ao. 8 Aa ie nanao ty hoe amy Boaze i longo-mpijebañey: Vilio ho azo,
le nafaha’e i hana’ey. 9 Le hoe ty enta’ i Boaze amo androanavio: Valolombeloñe
nahareo androany te viniliko am-pità’ i Noomie ze a i Elimeleke iaby naho ze hene
vara’ i Kiliona naho i Malone, 10 mbore fa mandrame i Rote nte Moabe, vali’ i
Maklone, ho valiko hampitroarako an-dova’e ty tahina’ i nihomakey, tsy havitsok’
amo rahalahi’eo, ndra an-dalambey i toe’ey ty tahina’ i nihomakey. Valolombeloñe
nahareo henane zao.
11 Aa le songa nanao ty hoe o androanavy naho ondaty an-dalambeio, Eka,
valolombeloñe zahay. Ehe te hampanahafe’ IEHOVÀ amy Rakele naho i Leàe i
rakemba niheo añ’anjomba’oy, i roe nandranjy ty anjomba’ Israele rey; hanarànake
e Efratà rehe vaho hanan-tahinañe e Betlekheme ao; 12 le ee te ho hambañe amy
anjomba’ i Peretse nasama’ i Tamare ho a Iehodày, i tiry hatolo’ IEHOVÀ azo añamy
rakemba tora’eiy. 13 Aa le nengae’ i Boaze t’i Rote, ie ty tañ’anjomba’e; aa ie nimoak’
ama’e le nampiareñe’ IEHOVÀ vaho nahatoly ana-dahy.
14 Le hoe o rakembao amy Noomie: Andriañeñe t’IEHOVÀ, te tsy nifarie’e tsy ho
amam-pijeban-drehe, lonike te ho arofoanañe e Israele ao ty tahina’e. 15 T’ie ho
fampisotrafen-kavelo’o, hameloñe ty haantera’o; fa toe lombolombo’ ty ana-dahy fito
i vinanto’o mikoko azo nisamak’ azey.
16 Aa le rinambe’ i Noomie i anak’ ajajay naho notroñe’e añ’arañа’e eo, vaho ie ty
nimpampinono aze. 17 Le o rakemba rañe’eo ro nañomey aze ty añara’e, ami’ty hoe:
Nahatoly ana-dahy t’i Noomie; le natao’ iereo Ovede*; ie ty rae’ Iisaý, rae’ i Davide.
18 Zao o tarira’ i Pèretseo; nisamake i Ketsrone t’i Pèretse; 19 le nisamake i Rame t’i
Ketsrone; le nisamake i Aminadabe t’Rame; 20 le nisamake i Naksone t’i Aminadabe,
naho nisamake i Salmà t’i Naksone 21 le nisamake i Boaze t’i Salmà; vaho nisamake
i Ovede t’i Boaze, 22 le nisamake Iisaý t’i Ovede, le nisamahe’ Iisaý t’i Davide.

* **4:17** Ovede: fitoroñañe ndra fiambaneañe

# Samoele I

1 Ie henane zay, teo t’indaty e Ramataime-zofime*, am-bohibohi’i Efraime ao atao
Elkanà†, ana’ Ierohame‡, ana’ i Elihò§, ana’ i Tohò* ana’ i Tsofe†, nte-Efraime. 2 Roe
ty vali’e, ty añara’ ty raike, Khanà‡, ty añara’ty raike, Peninà§; nanañ’ anake t’i
Peninà, fe mbetsiterake t’i Khanà. 3 Ie amy zay niavotse i rova’ey boa-taoñe indatiy
nitalaho naho nisoroñe am’ IEHOVÀ’ i Màroy e Silò* añe. Mpisoroñe amy IEHOVÀ
henane zay t’i Kofený† naho i Pinekase‡. 4 Ie tsatoke ty andro hanoen- tsoroñe le
songa nanjotsoa’e t’i Peninà tañanjomba’e naho o ana-dahi’e naho anak’ ampela’e
iabio; 5 tinolo’e anjara mañeva t’i Khanà, fa i Khanà ty nikokoa’e, fe kinape’ IEHOVÀ
ty hovi’e. 6 Le nanolo-tsotry aze nainai’e i rafe’ey, nembere’e amy te nampikitihe’
IEHOVÀ i hovi’ey. 7 Aa le nitolom-panao zay an-taoñ’an-taon-dre, ie nionjomb’ amy
anjomba’ IEHOVÀy mb’eo, le nampisoañe’e avao; ie nirovetse, tsy nete nikama. 8 Aa
le hoe t’i Elkanà vali’e ama’e, O Khanà, ino o iroveta’oo? akore te tsy mihinañe? ino
ty mampalorè ty tro’o? tsy lombolombo’ ty ana-dahy folo ama’o v’irahoo?
9 Aa ie fa nikama naho ninoñe e Silò ao iereo le niongake t’i Khanà,—ie
amy zao niambesatse amy fiambesa’e an-tokonan-dalambein’ anjomba’ IEHOVÀy t’i
Elý§ mpisoroñe; 10 le nitalaho amy IEHOVÀ an-kafairan’ arofo i rakembay vaho
nangolololoike ty rovetse. 11 Le nifanta an-titike ty hoe: O ry IEHOVÀ’ i Màroy,
naho toe ho vazoho’o ty fisotrian’ anak’ ampata’o toy, naho hahatiahy ahy, naho
tsy handikofa’o o fetrek’oro’oo naho ho tolora’o ana-dahy ty mpitoro’o ampela, le
hatoloko am’IEHOVÀ ho amo hene andro hiveloma’eo vaho tsy hozaem-piharatse
ty añambone’e. 12 Aa ie nitolon-kalaly añatrefa’ IEHOVÀ, le nioni’ i Elý i falie’ey.
13 Nisaontsy añ’ arofo’e ao t’i Khanà, o fivimbi’eo avao ty nihetseke, le tsy nirey i
fiarañanaña’ey; aa le natao’ i Elý t’ie nijike. 14 Le hoe t’i Elý tama’e, Ampara’ te
ombia t’ihe ho màmo avao? adono añe o divai’oo. 15 Nanoiñe aze ty Khanà, amy ty
hoe: Aiy! ry talèko, ampela mioremèñe ‘no-ahoo; tsy mpinon-divay ndra tòake, fe
nadoako añatrefa’ IEHOVÀ ty troko. 16 Ko atao’o ho anam-Beliale ty anak’ ampata’o, fa
ami’ty hamaro-toreoko naho amy fanaheloakoy ty nivolañeko. 17 Aa le nanoiñe aze
t’i Elý ami’ty hoe, akia ampanintsiñañe, i Andrianañahare’ Israele ty hamale soa i
nihalalia’oy. 18 Aa le hoe re, Ehe te haharendre-pañisohañe am-pahaoniña’o o anak’
ampata’oo. Le niavotse i rakembay, nikama, vaho tsy nanahelo ka ty lahara’e.
19 Nañampitso iereo te nitroatse naho nitalaho añatrefa’ IEHOVÀ naho nimpoly
mb’añ’anjomba’ iareo e Ramà añe; le nifañaoñe amy Khanà vali’e t’i Elkanà vaho
nahatiahy aze t’IEHOVÀ. 20 Ie añe, tondroke te niareñe t’i Khanà, le nisamake ana-
dahy vaho natao’e Samoele* ty añara’e, Amy te nihalalieko amy IEHOVÀ. 21 Nitolom-
pionjo hañenga i sorom-boa-taoñey naho hañava-pànta am’ IEHOVÀ t’i Elkaná
roandriañe rekets’ o añ’anjomba’eo. 22 Fe tsy nañavelo mb’eo t’i Kaná; hoe re amy
vali’ey: Ie otàñe i ajajay, le hendeseko mb’eo, hiatrefa’e am’ IEHOVÀ, vaho ao ty
himoneña’e nainai’e. 23 Aa le hoe t’i Elkanà, vali’e ama’e: Ano ze atao’o ho soa;
Mahaliñisa ampara’ t’ie notàñe; hajado’ IEHOVÀ abey i tsara’ey. Aa le nandrare tobok’
ao re nampinono i ana’ey, ampara’ te notae’e. 24 Aa ie notàñe i ajajay le nendese’e

* 1:1 Ramataime-zofime; fitalakesañ’ abo roe † 1:1 Elkanà: Fahimbañan’Añahare ‡ 1:1 Ierohame: abo; mitretre; ikokoañe § 1:1 Elihò: Ie avao ro Andrianañahareko * 1:1 Tohò: veloñe; mitaroñe † 1:1 Tsofe: mañisake, mijilojilo; tafo; saroñe ‡ 1:2 Khanà: Matarike; miferenaiñe; tolotse § 1:2 Peninà: hange; vatosoa; tarehe * 1:3 Silò: niraheñe † 1:3 Kofený: mpampisaroñe; komondiko ‡ 1:3 Pinekase: tarehe mirearea ndra fañarova § 1:9 Elý: ty soroñe; ty fañenga’e * 1:20 Samoele: Jinanjin’Añahare

mindre ama’e nionjoñe mb’eo, reketse ty bania telo ay†, naho mahakama efà raike,
vaho ty zonjòn-divay, le nendese’e mb’ añ’ anjomba’ IEHOVÀ e Silò ao, mbe nitora’e
i ajajay. 25 Ie linenta i baniay le nendeseñe amy Elý mb’eo i ajajay. 26 Le hoe re: O
talèkoo, kanao veloñ’ ain-drehe, ry talèko, zaho i ampela nijohañe marine azo etoa,
nilolok’ amy IEHOVÀy. 27 Ty ajaja toy i nihalaliekoy; vaho natolo’ IEHOVÀ amako i
nihalaliakoy; 28 aa le ingo fa hahereko am’ IEHOVÀ, kanao velon-dre le a IEHOVÀ. Aa
le niambane añatrefa’ IEHOVÀ re.

# 2

1 Nitalaho t’i Khanà, ami‘ty hoe:
Mirebek’ am’ IEHOVÀ ty troko,
mionjoñe am’ IEHOVÀ ty tsifako;
misokak’ amo rafelahikoo ty vavako;
le jejoeko ty fandrombahañe ahy.
2 Leo raike tsy masiñe manahak’ IEHOvà
toe tsy ie naho ts’ Ihe;
vaho tsy eo ty lamilamy
hambañe aman’ Añaharen-tika.
3 Ko mivolam-pirengevohañe avao;
ko metea’o hiakatse am-palie’o
ty fitoeborañe;
amy te Andrianañahare mahilala t’IEHOVÀ;
ama’e ty andanjàñe o satao.
4 Nipozake ty fale’ o fanalolahio,
le nampiombeañe haozarañe o nikoletrao.
5 Nikarama hahazoa’e mofo o nivontsiñeo;
anjañe ka o nilingoao;
nisamake fito ty betsiterake,
vaho ninìke i nimaro anakey.
6 Mamono t’IEHOVÀ, mbore mameloñe;
manjotso mb’an-tsikeokeok’ ao,
vaho mañakatse boak’ao.
7 Maha poi’e t’IEHOVÀ naho mampañaleale;
mamotsake vaho mañonjoñe.
8 Atroa’e boak’ an-debok’ ao o poie’eo,
naho ongaha’e boak’am-porompots’ ao
ty rarake,
hampiambesare’e amo roandriañeo,
handova’e i fiambesan-engeñey;
IEHOVÀ ro faha-ty voatse toy,
vaho najado’e ama’e ty tane toy.
9 Hambena’e ty fandia’ o masi’eo, fe hampitsiñeñe añ’ieñ’ ao o lo-tserekeo;
fa tsy haozarañe ty handreketa’ ondatio.
10 Ho demodemoheñe
o mifandietse amy IEHOVÀo;
hangotroha’e boak’ an-dikerañe ao;
ho zakae’ IEHOVÀ o olon-taneo;
le hampaozare’e i mpanjaka’ey, vaho haonjo’e ty tsifa’ i noriza’ey.
11 Aa le nimpoly mb’añ’anjomba’e mb’e Ramà mb’eo t’i Elkanà; vaho nitoroñe
IEHOVÀ añatrefa’ i Elý mpisoroñe i ajajay.

† 1:24 Fot 15:9

12 Ondaty tsi-vokatse i ana-dahi' i Ely rey, tsy nahafohiñe IEHOVÀ. 13 Inao ty sata' i
mpisoroñe rey am' ondatio: Naho mañenga soroñe t'indaty, ie mbe mandeve i henay,
le mb'eo ty mpitoro' i mpisoroñe rey reketse fitsovohan-kena telo fitsipoke am-pità'e;
14 vaho atsovo'e ke an-kitra ao, ke añ'ana-kalañe, ke am-balàñe, hera an-tsajoa; le
ze akare' i fitsovohan-kenay ty endese' i mpisoroñey ho aze. Nanoe' iareo amy ze
hene ana' Israele niheo mb'e Silò mb'eo zay. 15 Eka, ie mbe tsy nahatoeñe i solikey le
nimb'eo ty mpitoro' i mpisoroñey nanao ty hoe amy 'ndaty nanao soroñey: Anoloro
hena hatono'ay ho a i mpisoroñey; fa tsy ho no'e ama'o ty hena nahandroeñe; i
mantay ty paiae'e. 16 Aa naho nanoa' indatiy ty hoe : Angao hahatoeñe hey o henao,
vaho alao ze satrin' arofo'o; le nanoa'e ty hoe: Aiy! atoloro ahy hey tsy mone ho
tavaneko. 17 Toe jabajaba añatrefa' IEHOVÀ ty hakeo' i ajalahy rey; amy te nimavoe'
iareo o engaeñe amy IEHOVÀO.
18 Ie amy zao nitoroñe añatrefa' IEHOVÀ t'i Samoele, an-kitambe leny, ie mb'e
ajaja. 19 Le zinain-drene'e ho aze ty saroñe kedekedeke vaho natolo'e aze boa-taoñe
amy lia'e mb'eo mindre amy vali'e mpañenga sorom-boa-taoñey. 20 Nitatae' i Elý
t'i Elkanà naho i tañanjomba'ey ami'ty hoe: Hatolo' IEHOVÀ ama'o abey añami'ty
rakemba toy ty tiry hisolo i nihalaliañe am' IEHOVÀy. Le nimpoly mb'añ' anjomba'
iareo mb'eo.
21 Aa le nahatiahy i Khanà t'IEHOVÀ, le niaren-dre, vaho nahasamak' ana-dahy telo
naho anak'ampela roe. Nitombo añatrefa' IEHOVÀ t'i Samoele.
22 Nigain-kantetse t'i Elý; naho jinanji'e iaby o sata' i ana'e rey amy Israeleo, naho
t'ie nifandia tihy amo rakemba mpitoroñe an-dalan-kivohom-pamantañañeo. 23 Le
nanoe'e ty hoe : Ino ty anoe' areo ze o raha zao? Raty ty italilia' ondaty iabio. 24 Tsy
mete zay, ry anako; toe tsy soa ty talily tsanoñeko te ampandilare' areo ondati'
IEHOVÀO. 25 Naho aman-kakeo ama' ondaty t'indaty, le ho zakaem-pizaka; fe naho
aman-tahiñe am'IEHOVÀ t'indaty, ia ty hañalañalañe ho aze? Fe tsy hinao' iareo ty
fiarañanañan-drae' iareo, fa toe satri' IEHOVÀ t'ie hampihomaheñe. 26 Mbe nitombo
erike t'i Samoele ajajay, nionjoñe am-pañisoha' IEHOVÀ vaho am'ondatio.
27 Nomb'amy Elý amy zao ty ondatin' Añahare, le nanoa'e ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ:
Tsy niboake malange añ'anjomban-droae'o hao raho, ie te Mitsraime añe añatrefan'
anjomba' i Parò*? 28 Tsy jinoboko amo hene' fifokoa' Israeleo hao re ho mpisoroko,
hionjoñe mb' amy kitrelikoy mb'eo hañemboke naho hisikiñe kitambe añatrefako?
Mbore fonga natoloko aman' anjomban-drae'o o nengae' o ana' Israeleo horoañe
añ' afoo? 29 Ino arè ty itimpaha' areo o fisoroñañe ahikoo naho o engaeñe
amakoo, o nandiliako hanoeñe amy fimoneñakoio, vaho iasia'o ambone ahy o ana'oo,
amondraha' areo sandriñe amy ze hene voli-hena engae' ondatiko Israeleo? 30 Aa le
hoe t'IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele: Toe vinolako i anjomba'oy, naho i anjomban-
droae'oy, ty hañavelo añatrefako eo nainai'e; fa hoe ka t'IEHOVÀ henane zao: ho
lavitse amako zay; hiasiako ze miasy ahy, le tsy honjoneko ze manirìka ahy. 31 Inao!
ho tondroke ty andro, te haitoako ama'o ty fita'o havana, naho ty fitàn' anjomban-
drae'o le tsy ho ama' ondaty antetse ka ty añ'anjomba'o ao. 32 Hahaisake rafelahy an-
kibohoko ao rehe, amy ze hene hasoa hanoe'e am'Israele; ihe tsy ho ama' ondaty bey
añ'anjomba'o ao kitro-katroke. 33 Toe tsy hene haitoako amy kitrelikoy o ondati'oo,
fa ho nampilesa ty fihaino'o naho hampioremeñeñe ty arofo'o fe fonga hihomake
o tirin' anjomba'oo t'ie mbe ajalahy. 34 Aa zao ty ho viloñe ama'o: Hifetsak' amy
ana-dahi'o roe rey, amy Kofný naho i Pinekàse, te toe hitrao-pivetrak' ami'ty andro
raike—ie roe. 35 Fe hatroako ty mpisoroñe migahiñe, ie ty hañeneke ze an-troko
naho am-pitsakoreako; le handranjiako anjomba fatratse vaho hitoroñe añatrefa' i
norizakoy nainai'e re. 36 Ie amy zao, songa homb'eo ze sehanga'e añ'akiba'o ao,

* 2:27 Parò: mpampibaratsake; mpamaoke

hidrakadrakak' ama'e hahazoa'e ty volafoty naho ty vonga-mofo ami'ty hoe: ehe gineo hitoloñeko ho mpisoroñe hihinanako mofo pilipito'e.

# 3

[1] Nitoroñe IEHOVÀ ambane' i Elý eo t'i Samoele ajaja. Tsy siake nampiboake tsara
t'IEHOVÀ henane zay; tsy nahaoniñañ' aroñaroñe. [2] Aa teo te indraike haleñe, naho
nàndre añ'efe'e ao t'i Elý, ie niha-fè o fihaino'eo tsy nahaisake soa; [3] mboe tsy naki-
peke ty failo an-kivohon' Añahare ao te niroro añ'anjomba' IEHOVÀ t'i Samoele amy
toe' i vatam-pañinan' Añahareiy. [4] Aa le kinanji' IEHOVÀ t'i Samoele, Intoy raho, hoe
re. [5] Nivotivoty mb'amy Elý mb'eo re nanao ty hoe: Intoy raho, amy te kinanji'o. Tsy
nitok' azo raho, hoe t'i Elý, Mandrea indraike. Aa le nibalike re, nàndre. [6] Kinanji'
IEHOVÀ indraike t'i Samoele; le nitroatse t'i Samoele, nimb' amy Elý mb'eo nanao
ty hoe: Intoy raho, amy kanji'oy. Tsy tinokako rehe, anako, hoe re, Akia mandrea.
[7] Nialik' amy Samoele t'IEHOVÀ, amy te mboe tsy nabentatse ama'e ty tsara' IEHOVÀ.
[8] Kinanji' IEHOVÀ fañintelo'e t'i Samoele. Nitroatse t'i Samoele, nimb'amy Elý mb'eo,
nanao ty hoe: Intoy raho, fa kinanji'o. Nifohi' i Elý amy zao te IEHOVÀ ty nikanjy
i ajalahiy. [9] Akia, mandrea, hoe ty asa' i Elý amy Samoele, Ie mikanjy azo, anò ty
hoe: Mitsarà ry IEHOVÀ, fa itsanoña' ty mpitoro'o. Aa le nimb'eo t'i Samoele nàndre
an-traño'e ao. [10] Nimb'eo amy zao t'IEHOVÀ nijohañe eo, nikanjy amy hoe rezay:
Samoele, Samoele! le hoe t'i Samoele, Mitsarà fa mitsanoñe o mpitoro'oo.

[11] Le hoe t'IEHOVÀ amy Samoele: Hampijadoñeko tsara e Israele ao hampiñiñiñiñe
ty ravembia roe' ze mahajanjiñe aze. [12] Amy andro zay, le hafetsako amy Elý naho
amy hasavereña'e iabiy i vinolakoy sikal'am-baloha'e pak'am-para'e. [13] Fa vinolako
ama'e te hametsahako zaka i añanjomba'ey, amy te napota'e ty hakeon' ana'e—
ie namà-batañe—f'ie tsy nimane hampijihetse iareo. [14] Zay ty nifantàko ty amy
hasavereña' i Eliy, t'ie: Ndra enga ino ndra soroñ' ino tsy hahafañefetse o tahiñe
anoe' ty hasavereña' i Elio. [15] Nàndre am-pandrea'e ao avao t'i Samoele am-para'
te maraiñe, vaho sinoka'e o lalam-bein' anjomba' IEHOVÀo. F'ie nihemban-dre tsy
te hitalily amy Elý i aroñaroñey. [16] Aa le kinanji' i Elý t'i Samoele: O Samoele,
anako! hoe re, Intoy raho, hoe ty natoi'e. [17] Ino ty tsinara'e ama'o? hoe re. Ehe,
ko añetaha'o amako. Ee te hanoen' Añahare ama'o naho mandikoatse, naho akafi'o
amako ndra inoñ' inoñ' amo tsinara'e ama'oo. [18] Aa le natalili' i Samoele ama'e ze
hene nitsaraeñe, tsy eo ty naeta'e; le hoe t'i Elý: Ie IEHOVÀ! Ehe te hanoe'e ze soa
am-pihaino'e.

[19] Nitombo t'i Samoele, le tama'e t'IEHOVÀ vaho leo raike amo tsara'eo tsy napo'e
an-tane. [20] Songa nifohi' Israele boake Dane pake Be'er-sevà añe te mpitoky noriza'
IEHOVÀ t'i Samoele. [21] Nitolom-piboake e Silò ao t'IEHOVÀ le niatreke i Samoele e Silò
t'IEHOVÀ, ty amy tsara' IEHOVÀy.

# 4

[1] Nanitsike Israele ty saontsi' i Samoele; ie amy zao nionjoñe hiatrek' amo nte-
Pilistio* t'Israele naho nitobe añ' ila'i Ebene'ha'ezere† ey; vaho nitobe e Afeke‡
ey ka o nte-Pilistio. [2] Nisiritse hiatrek' am'Israele añ' aly o nte-Pilistio; aa ie
nitangilihiliñe an-kotakotake iereo, le linafa añatrefa' o nte-Pilistio t'Israele, va'e
efats' arivo amo lahindefo'eo ty zinevo' iareo amy montoñey. [3] Ie nimpoly an-
tobe ao ondatio, le hoe ty ontane' o roandria' Israeleo, Aa vaho manao akore te
namofok' antika añatrefa' o nte-Pilistio t'IEHOVÀ? Antao hakaren-tika mb'etoa i
vatam-pañina' IEHOVÀy boake Silò ao, le ie aman-tika, va'e ho rombahe'e am-pitàn-
drafelahin-tika. [4] Aa le nañitrike mbe Silò ondatio ninday i vatam-pañina' IEHOVÀ

* 4:1 Pilisty: mpañialo † 4:1 Ebene ha'ezere: ty vato fañolorañe ‡ 4:1 Afeke: haozarañe; sorotombake

mpimoneñe añivo’ i kerobe§ reiy boak’ ao; nindre amy vatam-pañinan’ Añaharey i
ana-dahi’ i Elý roe rey, i Kofný naho i Pinekase. 5 Aa ie nivotrak’ an-tobe ao ty vatam-
pañina’ IEHOVÀ, le akore ty fipazapazake pinoña’ Israele iaby kanao nanginikinike
i taney. 6 Ie jinanji’ o nte-Pilistio ty fikoraha’ i pazapazakey, le hoe iereo: Ino o
fañenotsatsak’ an-tobe’ o nte-Evreo*? Le nirendre’ iareo te nivotrak’ an-tobe ao ty
vatam-pañina’ IEHOVÀ. 7 Niholi-balà amy zao o nte-Pilistio, le hoe iereo: Nivotrak’
an-tobe ao t’i Andrianañahare. Hoe iereo, Hankàñe aman-tika! fa tsy zay te omale
naho fakomale-bey. 8 Hekoheko aman-tika! Ia ty handrombak’ an-tika am-pità’ o
‘ndrahare maozatseo? O ‘ndrahare nandafa o nte-Mitsraimeo amo angorosy iaby an-
dratraratrao. 9 Mifatrara ho bakalàhy ry nte-Pilistio tsy hitoroña’ areo o nte-Evreo
manahake ty fitoroña’ iareo an-tika; mihaozara hoe t’ie ondaty, le mialia.

10 Aa le nialy o nte-Pilistio naho nigioke t’Israele vaho songa nitriban-day mb’
an-kiboho’e mb’eo t’indaty; le tsi-fotofoto ty nizamañe; toe lahindefo telo-ale ty
nikorovok’ amy hotakotakey. 11 Tinavañe i vatam-pañinan’ Añaharey; vaho zinevo
t’i Kofný naho i Pinekase, i ana-dahi’ i Elý roe rey.

12 Nihitrihitry boak’ amy hotakotakey t’i nte-Beniamine niheo mb’e Silò mb’eo amy
andro zay, riatse iaby o saro’eo, vaho deboke ty añambone’e. 13 Ie pok’eo, ingo t’i
Elý niambesatse amy fiambesa’e añ’olon-dalañey nijilojilo; ie nihitikitik’ añ’arofo ty
amy vatan’ Añaharey. Aa naho nizilik’ an-drova ao t’indaty, le nikoaike iaby i rovay.
14 Ie jinanji’ i Elý ty fikoraha’ i fitoreovañey, le hoe re, Ino ze o fikontsiañañe zao?
Nihitrike mb’amy Elý indatiy, nitalily. 15 Ie amy zao ni-sivampolo-valo’ amby taoñe t’i
Elý, vaho nifè-pihaino, tsy nahaisake. 16 Le hoe indatiy amy Elý: Vaho niboak’ amy
fifandraparapahañey raho anindroany, nihitrike boak’ amy hotakotakey. Aa le hoe
re ama’e, O anako, ino i tsaraeñey? 17 Le hoe ty natoi’ i nihitrikey, Nandripàke aolo’ o
nte-Pilistio t’Israele, le tsifotofoto ty nizamañe am’ ondatio naho i ana-dahi’o roe rey,
nihomake t’i Kofný naho i Pinekase vaho tinavañe i vatan’Añaharey. 18 Aa ie nitalily i
vatan’ Añaharey, le niponake nañamboho amy fiambesa’ey añ’ ila’ i lalambeiy re, le
nipozake ty fititia’e vaho nihomake, amy t’ie ondaty bey naho navesatse. Fa efa-polo
taoñe ty nizaka’e Israele.

19 Ie amy zao, nivesatse ty vinanto’e ampela, ty vali’ i Pinekase, naho fa hisamake;
aa ie jinanji’e i taliliy te tinavañe i vatam-pañinan’ Añaharey naho te nihomake iaby
ty rafoza’e naho i vali’ey, le nibokoke vaho nisamake; amy te nifetsaha’ ty fitsongoa’e.
20 Aa ie amy fivetraha’ey, hoe ty rakemba nijohañe añ’ila’e eo: Ko hemban-drehe, fa
nahatoly ana-dahy. F’ie tsy nanoiñe, tsy nañaoñe. 21 Natao’e Ikabòde† ty añara’ i
ajajay, ami’ty hoe: Fa nienga Israele ty engeñe; amy te tinavañe i vatam-pañinan’
Añaharey, naho ty amy rafoza’ey naho i vali’ey, 22 ie nanao ty hoe: Nienga Israele ty
engeñe, amy te tinavañe i vatam-pañinan’ Añaharey.

# 5

1 Aa ie tinava’ o nte-Pilistio i vatan’ Añaharey, le nente’ iareo boak’ Ebene-ha’
ezere mb’e Asdode* mb’eo. 2 Rinambe’ o nte-Pilistio i vatan’Añaharey le nazili’
iareo añ’anjomba’ i Dagone† ao vaho napo’ iareo marine’ i Dagone eo. 3 Ie nitroatse
maraindraiñe o nte-Asdodeo, hehe te nideroñe an-tarehe’e an-tane añatrefa’ i vata’
IEHOVÀy t’i Dagone. Rinambe’ iareo t’i Dagone vaho natroa’ iareo an-toe’e indraike.
4 Ie nañampitso, hehe te nihotrak’ an-tarehe’e an-tane añatrefa’ i vata’ IEHOVÀy t’i
Dagone vaho nikitsik’ ama’e ty loha’ i Dagone naho ty taña’e roe an-tokonañe eo; ty

§ **4:4** Kerobe: henteo: Ftv. 25:22 * **4:6** Evre: añara’e raike o ana’ Israeleo † **4:21** Ikabode: pok’engeñe
* **5:1** Asdode: fiborahañe; fañiriañe; halatse † **5:2** Dagone: ‘ndraharen=te-Pilistio: tsako, fia

vata’ i Dagone avao ty nisisa. 5 Aa le tsy lia’ o mpisoro’ i Dagone mimoak’ añ’anjomba’
i Dagone ao ty tokona’ i Dagone e Asdode ao ampara henane.
6 Navesatse amo nte-Asdodeo ty fità’ Iehovà, ie binaibai’e, naho linafa’e am-
pibokalitan’ akobo ty Asdode naho o mañohok’ azeo. 7 Aa naho nitendrek’ amo nte-
Asdodeo i rahay, le hoe iereo, Tsy himoneñe aman-tikañe atoy ka i vatam-pañinan’
Añahare’ Israeley, amy te maràñe aman-tika naho amy Dagone ‘ndraharen-tika ty
fità’e. 8 Aa le nañitrike naho natontoñe iaby o roandria’ o nte-Pilistio vaho nanao
ty hoe: Hanoen-tika ino i vatam-pañinan’ Añahare’ Israeley? le hoe ty natoi’ iareo,
Ampitarazoeñe mb’e Gate‡ mb’eo i vatam-pañinan’ Añahare’ Israeley. Aa le nendese’
iareo mb’eo i vatam-pañinan’ Añahare’ Israeley. 9 Ie amy zao, naho fa nitarazoeñe
mb’eo, le nanilofe’ ty fità’ Iehovà i rovay, nampangebahebahe’e naho linafa’e ondati’
i rovaio, ty bey naho ty kede iaby vaho niborak’ am-pimeñara’ iareo ao o fibokaliran’
akoboo. 10 Aa le nahitri’ iereo mb’e Ekrone§ mb’eo i vatam-pañinan’ Añaharey. Aa
ie nivotrake Ekrone eo i vatam-pañinan’ Añaharey, le nikoaike ty hoe o nte-Ekroneo:
Nendese’ iareo mb’etoa i vatam-pañinan’ Añahare’ Israeley, hanjamana’e antika
naho ondatin-tikañeo.
11 Nampañitrife’ iareo amy zao o hene’ talèn-te-Pilistio*, le nanao ty hoe,
Iraho añe i vatam-pañinan’ Añahare’ Israeley, vaho angao himpolia’e mb’an-toe’e
mb’eo, tsy mone hanjevoñ’ antika naho ondatin-tikañeo; amy te fañohofan-doza
ty nandrambañe i rovay; fa navesatse ama’e ty fitàn’ Añahare. 12 Nanilofeñe
fibokaliraňe nitsovovòke ondaty tsy nihomakeo; vaho nionjomb’ an-dikeram-b’eo ty
fitoreova’ i rovay.

# 6

1 Tan-tane’ o nte-Pilistio fito volañe ty vatam-pañina’ Iehovà. 2 Le kinanji’ o nte-
Pilistio o mpisoroñeo naho o mpisikilio, ami’ty hoe: Hataon-tika akore i vatam-
pañina’ Iehovày? itaroño te akore ty hañitrifa’ay aze mb’an-toe’e mb’eo. 3 Hoe
iereo: Aa naho ahitri’ areo mb’eo i vatam-pañinan’ Añaharey, ko ampandenàñe
mb’eo kapaike; fe ampolio rekets’ engan-kakeo; le ho jangañe nahareo, vaho ho fohi’
areo ty foto’ ty tsy nampipitsohañe ama’ areo i fità’ey. 4 Aa le hoe iereo: Ino o engan-
kakeo hampolieñe ama’eo? Le hoe iereo: Fibokaliraňe volamena lime, naho kotika
volamena lime ty ami’ty ia’ o talèn-te-Pilistio; fa angorosy raike ty tama’ areo iaby
naho amo talè’ areoo. 5 Aa le tseneo an-tsare ty fibokaliran’ akobo’areo, sareo ka
o kotika’ areo mijoy i taneio; vaho toloro engeñe t’i Andrianañahare’ Israele; hera
hamaivañe’e ama’ areo naho amo ‘ndrahare’ areoo, naho an-tane’ areo ty fità’e.
6 Ino arè ty ampigàñe’ areo arofo, manahake ty nanjira’ o nte-Mitsraimeo naho i
Parò arofo? Ie nanilofe’e, tsy navotso’ iareo hao ondatio hiavotse mb’eo? 7 Ie amy
zao, mandrambesa le ihentseño sarete vao, naho añombe rene’e roe mb’e tsy ninday
joka, rohizo amy saretey i añombe-rene’e rey, vaho adono an-jolok’ ao o ana’eo.
8 Rambeso am’ izao i vatam-pañina’ Iehovày le ajoño amy saretey. Le apoho an-
karoñe añ’ila’e ao o bange volamena mivike ama’e ho engan-kakeoo; vaho iraho
handena’e mb’eo. 9 Isaho amy zao, ke homb’an-tane’e mb’e Bete’semese* mb’eo, le
ie ty nametsake i hankàñey aman-tika; fe naho tsie, le ho fohi’ areo te tsy i fità’ey ty
nanjevoñe antika, fa nisendre-draha.
10 Aa le nanoe’ ondatio; rinambe’ iereo ty añombe mampinono roe, naho rinohi’
iareo an-tsarete, vaho narindriñ’ an-jolok’ ao o ana’eo; 11 le najo’ iareo an-tsarete
ao i vatam-pañina’ Iehovày, naho i hàroñe rekets’ i kotika volamena rey naho o

‡ **5:8** Gate: Fipiritan-divay § **5:10** Ekrone: liolio; riniatse ama’e * **5:11** Pilisti: mpañialo * **6:9** Bete’semese: Anjomba’ i Àndroy

sarem-pibokalira’ iareoo. 12 Nivantañe’ o añombeo ty lalañe migodamb’e Bete-
semese mb’eo; nitrakotrako amy damokey nihòñe avao, le tsy nitsile mb’am-pitan-
kavana ndra mb’ankavia, vaho nañorike iareo pak’ añ’efe-tane’ i Bete-semese mb’eo
o talè nte-Pilistio. 13 Nanatake vare-bolè am-bavatane ey o nte-Bete-semeseo; aa ie
nampiandra-pihaino naho nahaisake i vatam-pañinay, le nirebeke t’ie nioniñe. 14 Aa
le niheo mb’an-tete’ Iehosoa nte-Bete-semese mb’eo i saretey naho nitsangañe marine
ty vato jabajaba eo; natsafe’ iareo ty hatae i saretey vaho nengae’ iareo an-tsoroñe
am’ Iehovà i añombe rene’e rey. 15 Nazotso’ o nte-Levio i vatam-pañina’ Iehovày,
rekets’ i hàroñe ninday o bange volamenaoy, naho napò’ iereo ambone’ i vato
jabajabay eo; naho nañenga horoañe vaho nandroroke vaho nisoroñe am’ Iehovà
ondaty nte-Bete-semeseo amy andro zay. 16 Ie nahaisake zay i talen-te-Pilisty limey
le nimpoly mb’e Akrone mb’eo amy àndroy. 17 Zao o fibokaliran’ akobo volamena
nabali’ o nte-Pilistio ho engan-kakeo amy Iehovào: a i Asdode t’y raike, a i Aza† ty a
i Askelone‡ le ty a i Gate vaho ty a i Ekrone; 18 mira ami’ty ia’ o rovan-talè nte-Pilisty
lime reio i kotìka volamena rey; mpiama’ iareo o rova aman-kijolio naho o kialoo.
Valolombeloñe henanekeo i vato jabajaba nampipoha’ iareo i vatam-pañina’ Iehovày.
Le lia’e an-tonda’ Iehosoa nte-Bete-semese eo re pake henaneo.
19 Linihin’ Añahare ty ila’ o nte-Bete-semeseo amy te nisamba i vatam-pañina’
Iehovày. Ondaty lime ale tsi-fitompolo ty zinama’e. Aa le nandala’ ondatio
ty hamafem-panjevoña’ Iehovà iareo. 20 Le hoe ondaty nte-Bete-semeseo, Ia ty
hahafijohañe añatrefa’ Iehovà, Andrianañahare masiñe? Vaho homb’ am’ondati’ ia
zay te mienga anay? 21 Aa le nampihitrife’ iereo amo mpimoneñe e Kiriate Iearimeo§
ty hoe: Fa nampolie’ o nte-Pilistio ty vatam-pañina’ Iehovà. Mb’atoy nahareo hinday
aze moly mb’ama’ areo añe.

# 7

1 Nimb’eo o nte-Kiriate-Iearimeo nangalake i vatam-pañina’ Iehovày vaho nasese’
iareo mb’ añ’ anjomba’ i Abinadabe* mb’ an-kaboam-b’eo. Nafanto’ iareo amy
Eleatsare† ty fitoloñañe miavake hañambena’e i vatam-pañina’ Iehovày. 2 Taoñe
maro ty nimodo te nitoboke e Kiriate-Iearime ao i vatam-pañinay, toe roapolo taoñe;
le nitoreo am’ Iehovà ty valobohò’ Israele.
3 Hoe t’i Samoele amy valobohò’ Israeley, Naho toe himpoly amy Iehovà an-
kaampon’ arofo nahareo, le apitsoho añe o ‘ndrahare hafao, naho o Astarote‡ añivo’
areoo, le hentseño ho am’ Iehovà o arofo’ areoo vaho ie avao ty toroñeñe, vaho ho
haha’e am-pità’ o nte-Pilistio. 4 Aa le naria’ o ana’ Israeleo o hazomanga’ i Baaleo,
naho o Astaroteo, vaho nitoroñe Iehovà avao. 5 Le hoe t’i Samoele, Atontono mb’e
Mitspè§ t’Israele iaby, vaho hihalaliako amy Iehovà. 6 Aa le nifanontoñe e Mitspè
iereo naho nitari-drano, naho nadoa’e añatrefa’Iehovà, le nililitse amy andro zay,
vaho nanao ty hoe: Toe aman-kakeo amy Iehovà zahay. Aa le nizaka o ana’ Israeleo
e Mitspè ao t’i Samoele.
7 Ie jinanji’ o nte-Pilistio te nivory e Mitspè ao o ana’ Israeleo, le nionjo haname
Israele o talèm-Pilistio. Jinanji’ o ana’ Israeleo le nirevendreveñe amo nte-
Pilistio. 8 Le hoe o ana’ Israeleo amy Samoele: Ko mitofa amy fikoiha’o Iehovà
Andrianañaharen-tikañey ho anay, te ho rombahe’e am-pità’ o nte-Pilistio. 9 Aa le
nangalak’ anak’ añondry t’i Samoele naho nengae’e ho soron-koroañe am’ Iehovà,
le nikanjy Iehovà ty am’ Israele t’i Samoele, vaho nanoiñe aze t’Iehovà. 10 Aa
naho nisoroña’ i Samoele i engan-koroañey, naho ie niheo mb’eo o nte-Pilistio

† **6:17** Aza: Maozatse: ose ‡ **6:17** Askelone: balantsy; afo po-engeñe § **6:21** Kiriate Iearime: rova añ’ala
* **7:1** Abinadabe: Raem-pañina -kavitrihañe † **7:1** Eleatsare: imban’Añahare, ‡ **7:3** Astarote: fihare; vara
§ **7:5** Mitspè: fitalakesañ’abo; fañanjoanjoañe

hifañotakotak' am' Israele, vaho nampiparapapiaha' IEHOVÀ àmpiñe jabajaba amo
nte-Pilistio, nampibaibay iareo henane zay, zinevoñ' aolo' Israele. 11 Niakatse i Mitspè
o ana' Israeleo nañoridañe o nte-Pilistio vaho linafa' iereo mb' am-para' i Bete-kare*
añe. 12 Nandrambe vato amy zao t'i Samoele le natroa'e añivo' i Mitspè naho i Sene†
eo vaho natao'e Ebene ha'izere, ami'ty hoe: Efets'eo ty nañolora' IEHOVÀ antika.

13 Aa le nianjiñe o nte-Pilistio, naho tsy nomb' an-tane' Israele mb'eo ka; vaho
niatreatre o nte-Pilistio amo hene andro' i Samoeleo ty fità' IEHOVÀ; 14 Nampoly
amy Israele o rova iaby tinava' o nte-Pilistio am'Israeleo; boak' Ekrone pake Gate;
le navotso' Israele am-pità' o nte-Pilistio o tane'eo. Niharo rehak' am' Israele ka o
nte-Amoreo. 15 Nizakae' i Samoele amo hene andro'eo t'Israele. 16 Nitolom-piary
mb'e Betele‡ naho mb'e Gilgale§ vaho mb'e Mitspè mb'eo re boa-taom-boa-taoñe; le
hene nizakae'e amy toetse rey t'Israele. 17 I Ramà* ty fiolia'e, amy te tao i anjomba'ey;
nizaka Israele ao re vaho naore'e eo ty kitreli' IEHOVÀ.

# 8

1 Ie nigain-kantetse t'i Samoele, le nanoe'e mpizaka' Israele o ana-dahi'eo. 2 Ty
tahina' i tañoloñoloña'ey le Ioele*; i Abià† ty faharoe; nizaka e Be'er-sevà‡ ao iereo.
3 Fe tsy nañorike o sata'eo i ana'e rey, te mone nivike mb'an-dRavola naho nandrambe
vokàñe vaho nolahe' iareo ty hatò.

4 Nifanontoñe amy zao o mpiaolo' Israele iabio vaho niheo mb' amy Samoele e
Ramà mb'eo 5 nanao ty hoe ama'e: Oniño te bey rehe vaho tsy mañorike o lia'oo o
ana'oo; aa le añorizo mpanjaka hizaka anay manahake o kilakila 'ndatio. 6 Fe tsy
ninò' i Samoele zay, ty enta' iareo ty hoe: Itoloro mpanjaka hizaka. Le nihalaly
am' IEHOVÀ t'i Samoele. 7 Le hoe t'IEHOVÀ amy Samoele: Haoño ty fiarañanaña'
ondatio amo hene nisaontsia' iareoo; ie tsy namorintseñe azo, toe Zaho ty napo'
iareo tsy ho mpanjaka' iareo. 8 Hambañ' amo fitoloña' iareo sikal' amy nañakarako
amy Mitsraime añe pake henanekeo, ie namorintseñe ahy naho nitoroñe 'ndrahare
ila'e, ty hanoe' iareo ama'o ka. 9 Ie amy zao, haoño ty fiarañanaña' iareo, f'ie
hatahatao vaho taroño o satam-pifeheam-panjaka' iareoo. 10 Aa le tinaro' i Samoele
am'ondaty nipay mpanjaka ama'e iabio i tsara' IEHOVÀ zay. 11 Le hoe re: Zao ty ho
sata' o mpanjaka hamelek' anahareoo: ho rambese'e o ana-dahi' areoo, le ho tendrè'e
ho aze naho ho a o sarete'eo naho ho mpiningi-tsoavala'e vaho ho mpilay aolo' o
sarete'eo. 12 Le ho tendrè'e ty mpifelek' arivo naho ty mpifehe limampolo hiava i
tete'ey naho hanatake i voka'ey, vaho handranjy o fialia'eo naho o haraon-tsarete'eo.
13 Ho rambese'e ka o anak' ampela' areoo ho mpanao rano mañitse, ho mpanokoñe
vaho mpanoñake. 14 Ho rambese'e ka o tete' areoo naho o tanembahe' areoo naho
o golobon' olive' areoo, o soa ama'eo, le hatolo'e amo mpitoro'eo. 15 Hampandiva'e
anahareo ty faha-folo' ty tabiri' areo, naho o tanem-bahe' areoo vaho hatolo'e amo
mpifehe'eo naho o mpitoro'eo. 16 Ho rambese'e o mpitoro' areo lahilahio, naho
o anak' ampata' areoo naho ze volovoloeñe amo ajalahi' areoo naho o borìkeo
hampitoroñe'e amo fitoloña'eo. 17 Hampandivà'e ty ampahafolo' o lia-rai' areoo vaho
hinjare mpitoro'e nahareo. 18 Le hkoihe' areo amy andro zay i mpanjaka nijoboñe'
areoy, fe tsy hanoiñe t'IEHOVÀ. 19 Fa nifoneñe tsy hañaoñe ty fiarañanaña' i Samoele
ondatio; le hoe iereo: Aiy! fa ho fehè' i mpanjakay zahay; 20 soa te ho hambañ' amo
kilakila' ndatio; le hizaka anay ty mpanjaka'ay naho hionjoñe aolo'ay vaho hialy

* 7:11 Bete-kare: ty akiba i anak' añondriy † 7:12 Sene: nife; fiovañe ‡ 7:16 Betele: Anjomban'Añahare
§ 7:16 Gilgale: Larò; mivarimbariñe; votre * 7:17 Ramà: abo, mitiotiotse * 8:2 Ioele: I mimane ndra
mandily † 8:2 Abià: IEHOVÀ ro Raeko ‡ 8:2 Beer'seba; vovom-pañina; vovo faha-fito

amo fihotakotaha'aio. 21 Jinanji' i Samoele ze hene enta' ondato le nisaontsie'e an-
dravembia' IEHOVÀ, 22 vaho hoe t'IEHOVÀ amy Samoele: Haoño avao ty fiarañanaña'
iareo le anendreo mpanjaka. Aa le hoe t'i Samoele amo ana' Israeleo: Akia songa
mb' an-drova'e mb'eo.

# 9

1 Ie amy zao, teo t'ondaty nte-Beniamine atao Kise*, ana' i Abiele†, ana' i Tserore‡,
ana' i Bekorate§, ana' i Afiàke*, ana' Ieminý†, ondaty fatratse. 2 Amañ' ana-dahy re,
i Saòle‡ ty tahina'e, ajalahy montsotsòre. Tsy amo ana' Israele iabio ty nisoa vintañe
te ama'e, le an-tsoro'e mañambone ty nilikoare'e ondaty iabio. 3 Nimotso amy zao o
borìke-rene' i Kise, rae' i Saoleo. Le hoe t'i Kise amy Saole ana'e, Endeso ty mpitoroñe
vaho miongaha, akia, paiao i borìke rey. 4 Nisoroke ty vohi' Efraime re vaho niranga
mb'an-tane' Salisà§ añe, f'ie tsy nioniñe. Aa le niary mb' an-tane Salime* fe tsy
tao, niranga ty tane' o nte-Beniamineo†, f'ie tsy niisa' iareo. 5 Aa ie nivotrak' an-
tane' Tsofaý‡ añe le hoe re amy mpitoro'ey, Antao hibalike hera hapon-draeko ty
fihakahakà'e amo borìkeo vaho itika ka ty himarimariha'e. 6 Le hoe re ama'e, Inao
te an-drova aroa-hoekeo ty ondatin' Añahare aman-kasy le tsy mete tsy mifetsake ze
hene saontsie'e; antao ho mb'eo, hera hatalili'e ty lala-komban-tika. 7 Aa hoe t'i Saole
amy mpitoro'ey, Aa naho miheo mb'eo tika, ino ty ho banabanaen-tika am'indatiy?
fa ritse ty mofo an-karon-tikañ' ao vaho tsy eo ty ravoravo hatolotse am'indatin'
Añaharey; ino ty aman-tika? 8 Le hoe ty natovo' i mpitoroñey amy Saole, Intoy an-
tañako ty fah' efa' ty bogady volafoty, hatoloko am' indatin' Añaharey hitoroa'e ty
homban-tikañe, 9 (Ie te taolo e Israele ao, naho nimb'eo t'indaty hañontane aman'
Añahare, le hoe re: Antao homb' amy mpioniñey: fa natao mpioniñe henane zay
ty atao mpitoky henaneo.) 10 Aa le hoe t'i Saole amy mpitoro'ey, To o reha'oo, antao
hizilike, le nimoak' an-drova' indatin' Añaharey ao.
11 Aa ie nañambone' i fitroarañe mb' amy rovay mb'eoy, le nitendreke somondrara
niakatse hitoha rano, vaho nanoa'e ty hoe: Eo v'i mpioniñey? 12 Le hoe ty natoi'e,
Eo re; toe aolo' areo; ihitrifo henaneo, ie nimb' an-drova mb'eo anindroany, amy te
fisoroñañe ho a ondatio ty an-kaboañe ey te anito. 13 Ie mimoak' an-drova nahareo
le ho tendrek' ama'e aolo' ty hitroara'e mb' an-kaboañe mb'eo hikama; fa tsy hikama
ondatio naho tsy miheo mb'eo hey re, amy t'ie ty mpitata i soroñey; zay vaho mikama
o nambaràñeo. Aa le mionjona henaneo; fa ho oni' areo. 14 Aa le nionjom-b'an-
drova mb'eo iereo; le ie nimoak' amy rovay, hehe te boak' ao hifanampe am' iereo
t'i Samoele, mihitrike mb'an' kaboañe mb'eo. 15 Ie amy zao fa nabenta' IEHOVÀ
amy Samoele, an-dravembia'e omale te hivotrake t'i Saole, ami'ty hoe: 16 Hamaray
hoe zao, ty hañirahako ama'o t'indaty boak'an-tane Beniamine, ie ty horiza'o ho
mpanjaka hifehe' ondatiko Israeleo, le ie ty handrombake ondatikoo am-pità' o nte
Pilistio; fa nisarieko ondatikoo, le niheo amako ty fitoreova' iareo. 17 Aa ie niisa' i
Samoele t'i Saole, le hoe t'IEHOVÀ ama'e, Hehek' indaty nanoeko ama'o ty hoe: Io
hoekeo ty hifeleke ondatikoo.
18 Nitotok' amy Samoele t'i Saole an-dalambey eo, nanao ty hoe: Ehe, isaontsio te
aia ty anjomba' i mpioniñey. 19 Aa le hoe ty natoi' i Samoele, Zaho o mpioniñeo;
miaoloa ahy mb' ankaboañe ey, amy t'ie hitrao-pikama amako anito; le hapoko
hañavelo te maray vaho hene ho taroñeko ama'o ze añ'arofo'o. 20 Le i borì'o ni-motso

* 9:1 Kise: sarotse; gañe; boka; antetse † 9:1 Abiele; Andrianañahare ty Raeko ‡ 9:1 Tserore: vahatse; mamahotse; mamihiñe § 9:1 Bekorate: loha voa * 9:1 Afiàke: misaontsy; mikofoke † 9:1 Ieminý: soa-vinta, manahake i àndroy ‡ 9:2 Saòle: nampisongoañe; haly; havilasy § 9:4 Salisà: telo; fahatelo; roandria; mpifehe * 9:4 Salime: fanaloke; komondry; lala-tsileke † 9:4 Beniamine: anam-pitàn-kavàna ‡ 9:5 Tsofe: misamba, mañisake; tafo; saroñe

telo andro zay, ko vetsevetse'o; fa nirendreke. Aa vaho ama' ia ty fisalala' Israele
iaby? Tsy ama'o hao naho amy anjomban-drae'oy? 21 Nanoiñe ami' ty hoe t'i Saole:
Tsy nte-Beniamine hao raho, ty kede amo fifokoa' Israele iabio? ty hasavereña'ay
ka ro kede amo hene' hasavereña' i Beniamineo? aa vaho ino o saontsia'oo?
22 Nendese' i Samoele t'i Saole naho i mpitoro'ey, naho nampihovae'e añ'anjomba'e
vaho nampiambesare'e an-dohà' o nambaràñe iabio; nitelo-polo varañe ondatio.
23 Le hoe t'i Samoele amy mpanokoñey, Azotsò i fate-kena natoloko azoy, i nataoko ty
hoe: Apoho añ'ila'o. 24 Aa le rinambe' i mpanokoñey ty sokataña'e reketse ze ama'e
vaho nazotso'e amy Saole. Le hoe t'i Samoele: Ingo o navìkeo! apoho añatrefa'o le
mikamà; fa nahaja ho azo amo famantañañe zao; hoe ka ty asako: Fa nambaràko
ondaty reo. Aa le nitrao-pikama amy Samoele t'i Saole amy andro zay. 25 Aa ie nizotso
mb' an-drova mb'eo boak' an-kaboañey, le nifanaontsy amy Saole an-tafon'anjomba.
26 Aa le nañaleñaleñe iereo, naho kinanji' i Samoele t'i Saole homb' an-tafo mb'eo
te manjirike àndro, ami'ty hoe: Mitroara fa haseseko. Aa le niongake t'i Saole naho
niavotse mb'eo ie roe. 27 Ie nizotso mb'am-pigadoña' i rovay mb'eo le hoe t'i Samoele
amy Saole: Ampandenao aolon-tika mb'eo o mpitoro'oo—aa le nionjom-beo re; fa ihe
mijohaña hey, hampijanjiñako ty tsaran' Añahare.

# 10

1 Rinambe' i Samoele amy zao ty paki-menake naho nadoa'e amy añambone'ey
vaho norofa'e, le nanoe'e ty hoe: Tsy Iehovà hao ty nañory azo ho mpifeleke i lova'ey?
2 Ihe mienga ahy te anito, le hañisake ondaty roe marine ty kibori' i Rakele* añ' efe-
tane' i Beniamine e Tselzà† eo; le hanao ty hoe ama'o iereo: Fa nirendreke o borìke
nihitrife'o ho tsoeheñeo, vaho fa napon-drae'o ty fimarimariha'e iareo, te mone ihe
ty imarimariha'e, ami'ty hoe, Hataoko akore i anakoy? 3 Hionjoñe mb'eo rehe le ie
pok' añ-kile' i Tabore‡ ro hifanampe amy t'indaty telo mionjomb' aman' Añahare
e Betele mb'eo, minday vik'ose telo ty raike, naho minday mofo telo ty raike vaho
mitintiñe zonjon-divay ty raike. 4 Hañontane azo iereo vaho hanolotse azo boko-mofo
roe; rambeso am-pità'e eo zay. 5 Ie añe, le higodañe am-bohin' Añahare rehe amy
toem-pirai-lian-dahin-defon-te-Pilistiy eo; aa ihe fa nigodañe amy rovay, le hifanalaka
ami'ty firimboñam-pitoky mizotso boak' an-kaboañe ey, hiaoloa' ty jejo-bory naho
ty fikorintsañe naho ty soly naho ty marovany le hitoky iereo. 6 Ho entoan' Arofo'
Iehovà an-kaozara'e rehe le hiharoa'o fitoky vaho hiova ho ondaty hafa. 7 Ie tendrek'
azo i viloñe rezay, le anò ze zoem-pità'o amy te mindre ama'o t'i Andrianañahare.
8 Hiaolo ahy mb'e Gilgale mb'eo rehe; le hizotso mb'ama'o mb'eo raho hañenga
horoañe naho hisoroñe naho hañenga fanintsiñañe: hitofa ao fito andro rehe am-
para' te ifanampeako hitaroñe ama'o ty hanoe'o.
9 Aa ie niamboho, hienga i Samoele, le tinolon' Añahare arofo vao; vaho nitendrek'
amy andro zay i viloñe iaby rey. 10 Ie nigodañe am-bohitse ey, inge ty mpirimbom-
pitoky nifanalaka ama'e; le nirorote' i Arofon' Añaharey re vaho nitrao-pitoky am'
iereo. 11 Ie nioni' o mpahafohiñe Azeo te heheke! nitoky miharo amo mpitokio, le
hoe ty nifanaontsia' ondatio: Ino ze o nivotrak' amy ana' i Kiseio? Mpiamo mpitokio
ka hao t'i Saole? 12 Nanoiñe zay ty mpiam' iereo ami'ty hoe: Aa ia ka ty rae' iareo? aa
le nanjare razan-drehake ty hoe: Mpiamo mpitokio ka hao t'i Saole? 13 Ie nihenefe'e i
fitokiañey le niheo mb' an-toetse an-kaboam-beo. 14 Le hoe ty rahalahin-drae' i Saole
ama'e naho amy mpitoro'ey: Nimb' aia v'inahareoo? Le hoe re: Nipay i borìke rey
zahay; aa ie nifohiñe te tsy ho rendreke, le nomb' amy Samoele mb'eo. 15 Le hoe ty
rahalahin-drae' i Saole: Ehe, atalilio amako: Ino ty nisaontsia' i Samoele? 16 Le hoe

* 10:2 Rakele: añondry † 10:2 Tselzà: tsingilingilieñe ‡ 10:3 Tabore: jinobo; hiringiri'e; vonotroboke

t'i Saole amy rahalahin-drae'ey: Tinaro'e ama'ay an-tsaontsy mora te nirendreke i
borìke rey. Fe tsy nabeo'e ama'e i fifeheañe tinaro' i Samoeley.
17 Kinoi' i Samoele ondatio hifanontoñe amy IEHOVÀ e Mitspè ao. 18 Le hoe re
amo ana' Israeleo: Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: Navotako amy Mitsraime
t'Israele, toe navotsoko am-pità' o nte-Mitsraimeo, vaho am-pità' o fifeheañe
namorekeke anahareoo. 19 Fe naforintse' areo anindroany t'i Andrianañahare' areo
mpandrombak' anahareo amo hankàñeo naho amo maha-ampohek' anahareoo:
vaho nanao ama'e ty hoe: Aiy! fa mpanjaka ty hajado'o hifehe anay. Ie amy
zao, miatrefa amy IEHOVÀ am-pifokoa'e, naho añ' arivo'e. 20 Aa le nampañarinea'
i Samoele iaby o fifokoa' Israeleo; rinambe t'i Beniamine. 21 Nampañarinea'e ty
fifokoa' i Beniamine amo hasavereña'eo, le rinambe ty hasavereña' i Matrý§; vaho
rinambe'e t'i Saole ana' i Kise; aa le pinay re fa tsy nioniñe. 22 Nañontanea' iareo
indraike t'IEHOVÀ: Fa pok'atoy hao indatiy? Le hoe ty natoi' IEHOVÀ, Ingo ie mietak'
amo kilankañeo. 23 Aa le nihitrihitry mb'eo iereo nangalak' aze; ie nijohañe añivo'
ondatio, le niabo te amy ze ondaty eo, mifototse an-tsoro'e mañambone. 24 Le hoe
t'i Samoele am' ondaty iabio: Hehe ty jinobo' IEHOVÀ, vaho tsy ama' ondaty iabio
ty mañirinkiriñe aze. Le nipazake ty hoe ondaty iabio: Lava havelo o mpanjakao.
25 Tinaro' i Samoele am' ondatio amy zao ty sata' o fifeheañeo naho sinoki'e am-
boke, vaho nahaja'e añatrefa' IEHOVÀ. Nampolie' i Samoele amy zao ondatio songa
mb' añ' anjomba'e mb'eo. 26 Le nimb'añ' akiba'e mb'e Gibeà* ka t'i Saole; vaho
nindre ama'e mb'eo o fanalolahy nedrèn' Añahareo. 27 Fa hoe ka o tsivokatseo: Aia
ty haharombaha' ondatio antika? Nisirikae' iareo, ie tsy nañendesañe ravoravo, f'ie
nitàm-pianjiñañe avao.

# 11

1 Nionjoñe mb'eo amy zao t'i Nakase* nte-Amone†, nitobe am-piatrefañe Iabese‡-
Gilade§ eo: le nanao ty hoe amy Nakase iaby o nte-Iabeseo: Mifañinà ama'ay vaho
hitoroña'ay. 2 Le hoe t'i Nakase nte-Amone am' iereo: Inao arè ty fepètse hanoeko
ama' areo, te songa hakatrake o fihaino' areo ankavanao ho fañinjeañe am' Israele
iaby. 3 Le hoe o mpiaolo' Iabeseo ama'e: Toloro fito androm-panintsiñan-jahay
hañitrifa'ay mb'an-tane' Israele iaby; ie amy zay naho tsy eo ty handrombak' anay
le hiakatse mb'ama'o mb'eo. 4 Nivotrake e Gibàn-tSaole ao o ìrakeo le nisaontsie'e
an-dravembia'ondatio i entañe zay vaho fonga nipoñake ty rovetse ondatio.
5 Nañorike mpirai-troke boak' an-tetek' ao t'i Saole, le hoe t'i Saole: Ino ty mañore
ondatio t'ie mirovetse? Aa le nitalilia' iareo ty saontsi' o nte-Iabeseo. 6 Ie nahajanjiñe
i entañe zay t'i Saole le nentoe' ty Arofon' Añahare, vaho nisolebotse ty haviñera'e.
7 Rinambe'e i katràka mpirai-joka rey, le linili-lili'e, naho nahitri'e mb'an-tane' Israele
mb'eo mb'eo am-pitàn' ìrake, ami'ty hoe: Ze tsy mionjoñe mb'eo am-panonjohizañe
i Saole naho am-pañorihañe i Samoele, le zao ka ty hanoañe o katràka'eo. Aa le nife-
tsak' am'ondatio ty fañeveñañe am' IEHOVÀ, vaho niakatse mb'eo hoe ondaty raike.
8 Niahe'e e Betseke* ao: telo hetse ty ana' Israele vaho telo-ale o nte-Iehodao. 9 Aa le
hoe ty asa' iareo amo ìrake nivotrakeo: Zao ty ho enta' areo amo nte-Iabese-giladeo:
hamaray aolo' ty mafana-voho t'ie hitendreke rombake. Nibalike naho nitalily amo
nte-Iabeseo o irakeo le niehake, 10 vaho hoe o nte-Iabeseo: Hamaray ty hiakara'ay mb'
ama' areo vaho hanoe' areo ama'ay ze satrin' arofo' areo. 11 Aa ie maraiñe, zinara'
i Saole an-dia-rai'e telo ondatio le nimoak' an-tobe ao am-pijilovañe maraindraiñey

§ **10:21** Matrý: Orañe; porozò * **10:26** Gibeà: Tamboho * **11:1** Nakase: mereñe; lapetake † **11:1** Amone: ondaty; ana' ondatikoo ‡ **11:1** Iabese: hamaihañe; aly; hasalarañe § **11:1** Gilade: votrin-talily * **11:8** Betseke; helatse; an-tsilisily

vaho zinevo’ iereo o nte-Amoneo am-para’ te mafana-voho; niparaitake iaby ze nisisa
kanao tsy nahaisahañe roe miharo lia.
12 Le hoe ondatio amy Samoele; Ia o nivolañe ty hoe: Hahafehe antika hao t’i
Saoleo? Aseseo mb’atoa indaty rezay hañohofan-doza. 13 Fe hoe t’i Saole: Leo
raik’ am’ondatio tsy havetrake te anito, fa nanao fandrombahañe e Israele ao
t’IEHOVÀ anindroany. 14 Le hoe t’i Samoele am’ondatio, Antao homb’ e Gilgale mb’eo
hamentesan-tika ty fifeheañe. 15 Aa le niheo mb’e Gilgale mb’eo ondaty iabio naho
nanoe’ iereo mpanjaka añatrefa’ IEHOVÀ e Gilgale t’i Saole; le nisoroñe engam-
panintsiñañe añatrefa’ IEHOVÀ; vaho nandia taroba t’i Saole naho o ana’ Israele iabio.

## 12

1 Hoe t’i Samoele tam’ Israele iaby: Nihaoñeko o fiarañanaña’ areoo amo
nisaontsia’ areo iabio, vaho nanoako mpanjaka. 2 Inao arè te mañavelo aolo’ areo
i mpanjakay henane zao, zaho fa bey naho fotivolo; ingo, mpiama’ areo o ana-
dahikoo, vaho fa nanjotik’ aolo’ areo raho boak’ an-katorako am-para’ te henaneo.
3 Intoy raho, miasìa ahy añatrefa’ IEHOVÀ naho aolo’ i noriza’ey: vosi’ ia ty nalaeko?
ndra borì’ ia ty rinambeko? ia ty nikatramoeko? ia ty finorekekeko? am-pità’ ia ty
nitavanako vokàñe hampikipe o masokoo? le havahako ama’ areo. 4 Le hoe iereo:
Tsy nikatramo anay rehe, tsy niforekeke’o, tsy rinambe’o ty am-pità’ ondaty. 5 Le hoe
re ama’e: Valolombeloñ’ ama’ areo t’IEHOVÀ, valolombelon-ka i norizañ’ anianikey
te tsy nahaonin-draha an-tañako nahareo. Le hoe iereo, Ie ty valolombeloñe.
6 Le hoe t’i Samoele am’ondatio: IEHOVÀ ty nanendre i Mosè naho i Aharone, naho
nañakatse an-droae’ areo an-tane Mitsraime añe. 7 Aa le mihendrea, fa miveroke
ama’ areo iaby añatrefa’ IEHOVÀ o fitoloñañe vanta’ IEHOVÀ nanoe’e ama’ areo naho
aman-droae’ areoo. 8 Naho nivotrak’ e Mitsraime ao t’Iakobe, le nitoreo amy IEHOVÀ
o roae’ areoo, vaho nirahe’ IEHOVÀ t’i Mosè naho i Aharone; ie ty nañavotse o roae’
areoo boak’ e Mitsraime añe, naho nampimoneña’e an-tane atoy. 9 Fe nihaliño’
iereo t’IEHOVÀ Andrianañahare’ iareo vaho natolo’e am-pità’ i Sisere, mpifehe ty
valobohò’ i Katsore, naho am-pità’ o nte-Pilistio naho am-pità’ i mpanjaka’ i Moabey*,
le nialia’ iareo. 10 Aa le nikoiak’ am’ IEHOVÀ iereo ami’ty hoe: Manan-tahin-jahay,
fa naforintse’ay t’IEHOVÀ, naho nitoroñe o Baaleo naho o Asteroteo; fe avotsoro
am-pità’ o rafelahi’aio le hitoroña’ay. 11 Aa le nirahe’ IEHOVÀ t’Ierobaale, naho i
Bedane, naho Ieptà, naho i Samoele naho rinomba’ iereo am-pitàn-drafelahi’ areo
mb’etia mb’eroa, vaho nimoneñe am-panintsiñañe nahareo. 12 Aa ie nizoe’ areo te
naname anahareo t’i Nakase mpanjaka’ o ana’ i Amoneo le nanao ty hoe amako:
Aiy, fa mpanjaka ty hifehe anay, ie ni-Mpanjaka’ areo t’IEHOVÀ Andrianañahare’
areo. 13 Aa ie henanekeo isaho o mpanjaka jinobo’ areoo, i nihalalie’ areoy le oniño
te nampijadoñe mpanjaka hamehe anahareo t’IEHOVÀ. 14 Aa naho añeveña’ areo
t’IEHOVÀ, naho mitoroñe aze naho mañaoñe i fiarañanaña’ey naho tsy miola amo
lili’ IEHOVÀo, vaho songa mañorike IEHOVÀ Andrianañahare’ areo naho i mpanjaka
mifehe anahareoy— 15 aa hera tsy haoñe’ areo ty fiarañanaña’ IEHOVÀ naho miola
amo lili’ IEHOVÀo le hatreatré’ ty fità’ IEHOVÀ manahake ty niatrefa’e an-droae’ areo.
16 Ie amy zao, mijohaña eo vaho mahaisaha ty raha jabajaba hanoe’ IEHOVÀ
añatrefam-pihaino’ areo. 17 Tsy anito hao ty fitataham-bare-bolè? Hikanjy IEHOVÀ
raho, hañitrifa’e àmpiñe miharo orañe; hahafohina’ areo naho hahaisaha’ areo
te ra’elahy ty haloloañe nanoe’ areo am-pivazohoa’ IEHOVÀ amy nihalalia’ areo
mpanjakay. 18 Aa le kinanji’ i Samoele t’IEHOVÀ; vaho nañiraha’ IEHOVÀ hotroke
naho orañe amy andro zay; le nirevendreveñe am’ IEHOVÀ naho i Samoele ondatio,
19 vaho hoe ondaty iabio amy Samoele: Mihalalia am’ IEHOVÀ Andrianañahare’o ho a

* 12:9 Moabe: an-drae’e

o mpitoro'oo, tsy hivetrake; fa nitovoña'ay amo hakeo'ay iabio ty hatsivokarañe toy, t'ie nipay mpanjaka.
[20] Le hoe t'i Samoele am' ondatio: Ko hembañe; Toe nanoe' areo i haratiañe zay,
fe ko mivìke tsy hañorike IEHOVÀ vaho toroño an-kaliforan' arofo t'IEHOVÀ; [21] le ko
mitsile hitoha raha kafoake tsy mahasoa tsy maharombake, amy t'ie kòake. [22] Toe tsy
haforintse' IEHOVÀ ondati'eo ty amy tahina'e ra'elahiy; amy te mahafale IEHOVÀ t'ie
hanoe'e ondati'e. [23] Aa naho ty amako, ee te ho lavitse ahy ty hanao hakeo am' IEHOVÀ
fa tsy hadòko ty hihalaly ho anahareo vaho mboe hañòhako ty sata-soa naho vantañe.
[24] Ie amy zao mañeveña am' IEHOVÀ naho toroño an-katò naho an-kaliforañ' arofo
le tsakoreo o fitoloñañe jabajaba nanoa'e. [25] F'ie mbe hanao haloloañe le ho faohe'e
añe reke-panjaka.

# 13

[1] Nifehe rai-taoñe t'i Saole, aa ie nifehe Israele roe taoñe, [2] le jinobo' i Saole ty
lahilahy telo arivo boake Israele ao. Nindre amy Saole e Mikmase* naho ambohibohi'
i Betele ty ro'arivo, naho nindre am' Ionatane† e Gibeate-Beniamine ty arivo; songa
nirahe'e mb' an-kiboho'e añe ze ondaty sisa. [3] Pinao' Ionatane amy zao ty mpirai-
lian-dahin-defoñe e Geba‡; le jinanji' o nte Pilistio. Aa le pinopò' i Saole amy tane
iabiy i antsivay nanao ty hoe: mijanjiña ry nte-Evre. [4] Aa le jinanji' Israele iaby te
zinevo' i Saole i mpirai-lian-te-Pilistiy, naho te mitrotròtse amo nte-Pilistio t'Israele.
Aa le nifanontoñe amy Saole e Gilgale añe ondatio. [5] Nifamory ka o nte-Pilistio hialy
amy Israele, sarete telo-ale naho mpiningi-tsoavala eneñ' arivo naho ondaty mira
amo faseñe añ' olon-driakeo ty hamaro'e ro nionjom-beo nitobe e Mikmase atiñana'
i Bete-Avene ey. [6] Nioni' o ana' Israeleo te niampoheke—toe nalovilovy ondatio—sata'
ondatio ty nietak' an-dakato, an-drongoñe, am-bato, an-kadaha, vaho an-koboñe ao.
[7] Nitsake Iordaney ka ty ila' o nte Evreo mb'an-tane Gade e Gilgale añe; fe mbe te
Gilgale t'i Saole, vaho nitititititike iaby o mpiama'eo.
[8] Nihenekenek' ao fito andro re ty amy namantaña' i Samoeley; fe tsy niavy e Gilgale
t'i Samoele; le nihabaratsiak' ama'e ondatio. [9] Aa hoe t'i Saole: Endeso mb'amako
mb'etoa i enga hisoroñañey naho o engam-panintsiñañeo; vaho nisoroña'e o engan-
koroañeo. [10] Aa ie vaho nihenefe'e soroñe i engan-koroañe rey, hehe te pok'eo
t'i Samoele; naho nimb'ama'e mb'eo t'i Saole hifanalaka ama'e hañontane aze.
[11] Le hoe t'i Samoele: Ino o nanoe'oo? le hoe t'i Saole: Ie nitreako te niparaitak'
amako ondatio naho tsy niheo mb'eo rehe amy nifotoañañey, naho te mifanontoñe
haname i Mikmase o nte-Pilistio, [12] le nataoko ty hoe: Hiambotrak' amako e Gilgale
amy zao o nte-Pilistio vaho mb'e tsy nihalaliako ìsoke am'IEHOVÀ; aa le nanji-batan-
draho nañenga i soroñey. [13] Aa hoe t'i Samoele amy Saole: Nanao hadagolàñe; tsy
nambena'o ty lili' IEHOVÀ Andrianañahare'o, i nandilia'e azoy; ie ho najado' IEHOVÀ
ho nainai'e donia i fifehea'o Israeley. [14] Fe tsy hijadoñe i fifehea'oy; fa nitsoeke ondaty
mindre arofo ama'e§ t'IEHOVÀ vaho fa tinendre' IEHOVÀ ho mpifehe ondati'eo, amy
te tsy nambena'o i nandilia' IEHOVÀ azoy.
[15] Niongak' amy zao t'i Samoele, nionjo boake Gilgale mb'e Gibeate-Beniamine.
Niahe' i Saole ondaty ama'eo te ni-enen-jato varañe. [16] le nañialo e Gibeate-
Beniamine t'i Saole naho Ionatane ana'ey naho ondaty ama'eo; vaho nitobe e
Mikmase ka o nte-Pilistio. [17] Niakatse an-tobe' o nte-Pilistio amy zao ty mpijoy am-
pirimboña'e telo: ty mpirai-lia'e raike nitsile mb'amy lala-migodañe mb'e Ofrà*,
mb'an-tane' i Soale† mb'eo; [18] nitolike mb' amy Bete-korone‡ ka ty mpirai-lia'e raike;

* **13:2** Mikmase: mpamofoke † **13:2** Ionatane: Natolon'Añahare ‡ **13:3** Geba: tamboho; fitovy § **13:14** Top 13:22 * **13:17** Ofrà: deboke; anam-panaloke † **13:17** Soale: farasy; lalan-tsileke; valoha'e ‡ **13:18** Bete-korone: akiban-kabosehañe, korake

vaho nitolike mb’añ’ efe-tane ahatalakesañe ty vava-tane Zeboime§ mb’ am-patram-
bey mb’eo ty mpirai-lia’e raike. [19] Ie amy zao, tsy amam-panefe ndra raike ty an-tane
Israele ao; ami’ty nanoe’ o nte-Pilistio ty hoe: Hera hanefe fibara ndra lefoñe o nte-
Evreo, [20] fa nizotso mb’amo nte-Pilisty iabio ze hene ana’ Israele hanioñe ty lelan-
dasarý naho ty fangaly, naho ty fekoñe, vaho ty fibìra. [21] Nitake roe-ampaha-telo’ ty
sekele hanañira’e ty lelan-dasarý ndra ty fitrabahan-tane; naho ty ampaha-telo’e ho
a o fekoñeo; vaho ho ami’ty fanañiran-kitro. [22] Aa ie amy andron-kotakotakey, leo
fibara ndra lefoñe raike tsy nizoeñe am-pità’ o mpiamy Saole naho Ionataneo; naho
tsy i nizoeñe amy Saole naho Ionataney avao. [23] Aa le nionjomb’ an-kebam-bohi’ i
Mikmase mb’eo ty raik’ amo mpirai-lia’ o nte-Pilistioo.

# 14

[1] Aa teo ty andro te nanao ty hoe amy mpinday fikala’ey t’Ionatane ana’ i Saole:
Antao hitsake mb’ ampirai-lia’ o nte-Pilisty an-kalo’ o e hoekeo mb’eo. F’ie tsy
nampandrendrek’ an-drae’e. [2] Nihenekenek’ añ’ ila’ i Gibeà añe t’i Saole ambane’
i ampongabendañitse e Migroney*; va’e enen-jato t’indaty nirekets’ ama’e [3] naho i
Ahiià†, ana’ i Ahitobe‡, rahalahi’ Ikabode, Ana’ i Pinekase, ana’i Elý mpisoro’ IEHOVÀ
e Silò ao, nisikiñe i kitambey. Le tsy napota’ ondatio te tsy teo t’Ionatane. [4] Añivo’
i hebam-bohitse nipaia’ Ionatane hitsahañe mb’ amy firimboñam-Pilistiy mb’eoy ty
tevañe vatoeñe añ’ ila’e raike naho ty tevam-bato añ’ila’e ka; i Bozeze§ ty añara’
ty raike, naho Seneke* ty añara’ ty raike. [5] Nionjoñ’ añ’ila’e avaratse tandrife i
Mikmase ty tevañe raike naho atimo tandrife i Geba ty ila’e. [6] Le hoe t’Ionatane
amy ajalahy ninday o fikala’eoy: Antao, hitsake mb’ amy mpirai-lia’ o tsy sinavatseoy
hera hañolotse antika t’IEHOVÀ amy te tsy sebañeñe t’IEHOVÀ handrombake he ami’ty
maro ke ami’ty tsy ampe. [7] Le hoe i mpinday fikala’ey: Anò iaby ze añ’arofo’o;
mitoliha, hehe te ama’o raho ty amo arofo’oo. [8] Aa le hoe t’Ionatane, Inao! hitsake
mb’ am’ ondaty reo tika, hiatreatre iareo. [9] Aa naho anoe’ iareo ty hoe, Ey avao
ampara’ te pok’ ama’ areo eo zahay; le hijohañe eo avao tika, fa tsy hiañambone
mb’ ama’e. [10] F’ie manao ty hoe: Mionjona mb’ ama’ay mb’atoy. Le hionjomb’eo
tika, fa tinolo’ IEHOVÀ an-tañan-tika; zay ty ho viloñe aman-tika. [11] Le nivotrak’
amy mpirai-liam-Pilistiy, iereo roe; le hoe ty asa’ o nte-Pilistio: Hehe te mipororoake
boak’ an-koboñe fipalira’e ao o nte-Evreo. [12] Aa le hoe ty asa’ ondati’ i mpirai-liaio
am’ Ionatane naho i mpitàm-pikala’ey: Mionjona mb’ ama’ay mb’etoa, hanoroa’ay
raha. Aa le hoe t’Ionatane amy mpitàm-pikala’ey, Oriho raho te hionjoñe; fa natolo’
IEHOVÀ am-pità’ Israele iereo. [13] Aa le nanganike mb’eo am-pitàñe naho am-pandia
t’Ionatane, le nañorike aze i mpinday fikala’ey; vaho nikorovoke aolo’ Ionatane iereo;
le namono am-boho’e eo i mpinday fikala’ey. [14] Va’e roapolo ty zinama’ Ionatane
naho i mpitàm-pikala’ey amy valoha’e zay, an-tampan-tonda mete ho fola’ ty katràka
roe an-dasarý. [15] Inay ty fihondrahondràñe an-tobe ao naho an-kivoke ey, naho am’
ondaty iabio; i mpirai-liay naho o mpijoio songa nitititike vaho nanginikinike i taney;
aa le nionjo ho firevendreveñañe aman’ Añahare.

[16] Tinalake’ o mpijilo’ i Saole e Gibeate-Beniamineo; le hehe te nitranak’ añe i
valobohòkey nifanjevoñe avao. [17] Le hoe t’i Saole am’ondaty nirekets’ ama’eo: Volilio
henaneo, haharendreke te ia ty nienga antika. Aa ie namolily, inao tsy eo t’Ionatane
naho i mpinday fikala’ey. [18] Aa le hoe t’i Saole amy Akià: Endeso mb’etoa ty vatam-
pañinan’ Añahare. Amy te tamo ana’ Israeleo i vatam-pañinan’ Añaharey henane
zay. [19] Ie amy zao, naho nisaontsy amy mpisoroñey t’i Saole le nitolom-pivalitaboak’

§ **13:18** Zeboime: ose * **14:2** Migrone: revendreveñe; tonda; tretrake † **14:3** Ahiia: Rahalahi’ IEHOVÀ
‡ **14:3** Ahitobe: Rahalahin-kasoa § **14:4** Bozeze: fotake; antara * **14:4** Seneke: fatike; rafelahy

an-tobe’e ao avao o nte-Pilistio vaho niindra; le nanao ty hoe amy mpisoroñey t’i
Saole. Ahankaño o fità’oo. 20 Nifanontoñe eo rekets’ i valobohò’ey t’i Saole naho
nionjom-ban-kotakotake mb’eo vaho nizoeñe te songa nifanjamañe am-pibara o
mpirañetseo, nifamalitsikotake. 21 Ie amy zao nitolike hirekets’ amo ana’ Israele
mpiamy Saole naho Ionataneo o nte-Evre niharo amo nte-Pilisty nimpindre fionjo
ama’e mb’an-tobe ao boak’ am-pariparitse añe taoloo. 22 Hambañe amy zay, o hene
ondati’ Israele nietak’ am-bohibohi’ i Efraimeo; ie nahajanjiñe te nivoratsake mb’eo
o nte-Pilistio, le nihoridà’ iareo fatratse am-pifandraparapahañe. 23 Aa le rinomba’
Iehovà t’Israele amy andro zay, vaho nivelatse pak’ e Bete-avene i hotakotakey.
24 Toe ni-ampoheke ondati’ Israeleo amy andro zay; ty amy fetse natao’ i Saole
am’ondatio an-titike ty hoe: Fàtse t’indaty mikama ze atao haneñe am-para’ te
hariva, hañondrohako an-drafelahiko ty avake. Aa le tsy eo ty nitsopeke mahakama.
25 Hene nitandroake mb’amy alay o an-tane eio, ie an-tane eo ty tantele. 26 Naho
nizilik’ amy alay ondatio, hehe te nitsopetsopehen-tanteley, fa leo raik’ am’ondatio
tsy nanao fitàñe am-palie amy fihembaña’ iareo i fetseiy. 27 Fe tsy napota’ Ionatane
i fantok’ am-pàtse nanoen-drae’e am’ondatio; aa le natoho’e mb’eo ty kobay am-
pità’e naho najo’e amy papi-tanteley, naho nanoe’e am-palie i fità’ey, vaho nahiratse
o fihaino’eo. 28 Aa le hoe ty asa’ ty raik’ am’ ondatio: Fa nafanton-drae’o am-pànta
te: Fàtse ze ondaty mitsopeke mahakama anito; fe midazidazìtse ondatio. 29 Le
hoe t’Ionatane: Nanolo-tsotry amo taneo ty raeko: Hehe fa mahiratse o masokoo, ie
nitsopeke amo tanteleo, 30 antsake te songa nidada am-pikamañe o raha kinopake
nitendrek’ amo rafelahi’eoo ondatio. Tsy ho nimaro hao ty nizamañe amo nte-
Pilistio? 31 Aa le linafa’ iareo o nte-Pilistio boake Mikmase pak’ Aialone† añe; fe
toe nikolempa ondatio. 32 Niambotrak’ amy kinopakey ondatio, nandrambe añondry
naho añombe naho sarake, naho linenta’ iareo an-tane, vaho nikama’ ondatio ie
mbe aman-dio. 33 Aa le natalily amy Saole, ty hoe: Inao! manao hakeo am’ Iehovà
ondatio, mikama reke-dio. Le hoe re: Nandilatse nahareo: Amariño vato jabajaba
amako aniany. 34 Le hoe t’i Saole: Tsitsiho ondatio le anò ty hoe: Songa mindesa
vosy mb’ amako mb’etoa ondatio, sindre mindesa ty añondri’e ho lentaeñe etoa vaho
ho kamae’e fa ko manao hakeo am’ Iehovà am-pikamàñ’ aze aman-dio. Aa le fonga
ninday ty añombe’e mb’eo ondatio vaho nandenta aze eo. 35 Le namboatse kitrely
am’Iehovà t’i Saole, toe ie ty kitrely valoha’e niranjie’e am’Iehovà.
36 Le hoe t’i Saole: Antao hizotso mb’ amo nte-Pilistio mb’eo haleñe hikopake
ampara’ te porea’ ty maraindray, vaho tsy hapon-tika leo raik’ am’ondati’eo. Le
hoe iereo: Ano ze satri’ ty arofo’o. Fa hoe i mpisoroñey, antao hey hañarine aman’
Añahare. 37 Aa le nihalaly fanoroañe aman’ Añahare t’i Saole: Hizotso mb’ amo
nte-Pilistio hao raho? Hatolo’o am-pità’ Israele hao? Fe tsy natoi’e amy andro zay.
38 Le hoe t’i Saole: Miharinea iaby ry mpiaolo’ ondatio; itsikaraho ty nametsahañe i
hakeo anindroaniy. 39 Aa kanao veloñe t’Iehovà mpandrombake Israele, ndra t’ie am’
Ionatane ana-dahikoy, le toe havetrake. Fe leo raik’ am’ ondaty iabio tsy nanoiñe.
40 Aa le hoe re amy Israele iaby: Añ’ila’e nahareo, vaho añ’ ila’e atoy raho naho
Ionatane anakoy. Le hoe ondatio amy Saole: Ano ze atao’o ho soa. 41 Le hoe t’i
Saole amy Iehovà Andrianañahare’ Israele: Taroño ty hato. Jinoboñe an-kitsapak’
amy zao t’Ionatane naho i Saole; le nivotsotse i màroy. 42 Aa hoe t’i Saole: Ano
an-tsapake ka, zaho naho Ionatane anako. Nivoa t’Ionatane. 43 Aa hoe t’i Saole
am’ Ionatane: Atalilio ahiko o nanoe’oo. Le natalili’ Ionatane ama’e ty hoe: Toe
nitsopeke tantele tsy ampe añ’ ilan-kobaiko an-tañako; intoy, zaho ty hikenkañe.
44 Le hoe t’i Saole: Ehe hanoan’ Añahare amako naho mandikoatse zay naho tsy
hihomake rehe Ionatane. 45 Fe hoe ondatio amy Saole: Havetrake hao t’Ionatane,

† 14:31 Aialone: toem-panaloke

ie nañeneke fandrombahañe jabajaba e Israele atoa? Lavits' aze zay; Kanao veloñe
t'IEHOVÀ, leo raik' amo maròy añ'ambone'eo tsy hihintsañe an-tane; amy t'ie nitoloñe
an' Andrianañahare anindroany. Aa le navotso' ondatireo t'Ionatane tsy hihomake,
46 le nienga tsy nañorike o nte-Pilistio ka t'i Saole; vaho nimpoly mb'an-toe'e mb'eo
o nte-Pilistio.
47 Aa le rinambe i Saole ty fifeheañe Israele, naho nialia'e iaby mb'atia mb'eroa o
rafelahi'eo; e Moabe naho amo ana' i Amoneo, Edome naho amo mpanjaka' i Tsobao‡,
vaho amo nte-Pilistio; aa ndra aia ty nitoliha'e le nampisotrie'e. 48 Nanontoñe
lahialen-dre le zinevo'e o nte Amalekeo vaho navotso'e am-pità' o mpikopake iareoo
t'Israele. 49 Zao o ana-dahi' i Saoleo, Ionatane, naho Isvý§ vaho i Malki-soà*; le ty
añara' ty anak' ampela'e roe: i Merabe† ty zoke'e, naho Mikale‡ ty zai'e; 50 naho ty
tahinan-tañanjomba' i Saole: i Akinoame§, ana' i Akimàtse*; ty tahina' i mpifeleke
i valobohò'eiy: i Abnere†, ana' i Nere‡, anan-drahalahin-drae' i Saole. 51 I Kise§ ty
rae'i Saole; vaho ana' i Abiele* t'i Nere rae' i Abnere. 52 Nitolom-pialy amo nte-Pilistio
nainai'e t'i Saole amo hene andro'eo, aa ndra mb'ia nahaisake fanalolahy t'i Saole,
le rinambe'e ho ama'e.

# 15

1 Hoe t'i Samoele amy Saole: Nirahe' IEHOVÀ raho hañory azo ho mpanjaka' ondati'e
Israeleo; aa le janjiño ty feon-tsara' IEHOVÀ. 2 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy: Tiahiko i nanoe'
i Amalek' am' Israeley, ie niatreatre aze amy lalañey te niakats' i Mitsraime añe. 3 Aa
le akia lafao t'i Amaleke, naho mongoro o fanaña'e iabio naho ko anga'o sehanga'e;
zamano ze atao lahilahy naho ampela, ty anak' ajaja ndra te minono, ty añombe naho
añondry, ty rameva vaho ty borìke. 4 Kinoi' i Saole amy zao ondatio vaho niahe'e e
Telaime* ao, roe-hetse ty am-pandia le nitovoñe rai-ale boake Iehoda.
5 Niheo mb'an-drova' i Amaleke mb'eo t'i Saole, naho niampitse am-bavatane ao.
6 Vaho hoe t'i Saole amo nte-Keneo†: Akia, mizotsoa, hisitake o nte-Amalekeo, tsy
mone ho mongoreko mindre ama'e, amy te nisohe' areo o ana' Israele niavotse i
Mitsraimeo. Aa le nisitahe' o nte-Keneo o nte-Amalekeo; 7 vaho linafa' i Saole o nte-
Amalekeo, boake Kavilà‡ am-piranga'o mb'e Sorey§ tandrife i Mitsraime. 8 Rinambe'e
veloñe ty Agage* mpanjaka' o nte-Amalekeo, fa fonga zinama'e an-dela-pibara
ondatio.
9 Nenga' i Saole naho ondati'eo t'i Agage, naho ty soa amo mpirai-liao naho o
mpirai-trokeo naho o vositseo vaho o vik'añondrio, toe ze raha soa iaby, ie tsy nete
nimongoreñe; o sirikaeñeo naho o tsy vente'eo ty nimongore' iareo.
10 Aa le niheo amy Samoele ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 11 Aneñenako t'ie
nampijadoñe i Saole ho mpanjaka; fa niambohoa'e, tsy norihe'e naho tsy nanoe'e
o nandiliakoo. Nioremèñe amy zao t'i Samoele; le nirovetse amy IEHOVÀ avao amy
haleñey. 12 Ie nitroatse maraindray hanalaka amy Saole; le teo ty nisaontsy amy
Samoele ty hoe: Nivotrake e Karmele† t'i Saole, le nioniñe te nampijadoñe'e eo ty
faniahiañe ty vata'e, le nienga boak'ao re nizotso mb'e Gilgale mb'eo. 13 Niheo mb'
amy Saole mb'eo t'i Samoele; le hoe t'i Saole ama'e: Tahie' IEHOVÀ rehe; fa nanoeko
ty linili' IEHOVÀ. 14 Le hoe t'i Samoele: Aa ino arè o fibabababan' añondry an-tsofikoo

‡ **14:47** Tsobà: lian-dahindefo; mifañotakotake § **14:49** Isvý: sotra; mitsiñe; mira * **14:49** Malki-soà: mpanjaka manolotse † **14:49** Merabe: mpialy, mpandietse ‡ **14:49** Mikale: Ia ty ginoke? § **14:50** Akinoame: hatsomerentsere' ty longo; * **14:50** Akimatse: rahalahi' i fivoriy † **14:50** Abnere: raem-pahazavañe ‡ **14:50** Nere: jiro; tane mboe tsy trinabake § **14:51** Kisy: gañe; sarotse; boka; haantera'e * **14:51** Abiele: Andrianañahare raeko * **15:4** Telà: mandè; maindoindoñe † **15:6** Kene: fanaña; vinily; hontoke ‡ **15:7** Kavilà: manaintaiñe; mampiboake § **15:7** Sore: kijoly; añombe; ty misamba * **15:8** Gage: Tafo; am-batse † **15:12** Karmele: vosy; fitatahañe; tsako vororike

naho ty firohafa’ o añombe tsanoñeko henaneoo? 15 Le hoe t’i Saole: nendese’ iareo
boak’ amo nte Amalekeo, nasisa’ ondatio ty soa amo añondrio naho amo añombeo
hisoroña’ iareo am’ IEHOVÀ Andrianañahare’o; vata’e finongo’ay ty ila’e. 16 Le hoe
t’i Samoele amy Saole: Eo hey, fa ho volañeko ama’o ty nitsarae’ IEHOVÀ amako
aniankale. Le hoe re ama’e, Misaontsia. 17 Le hoe t’i Samoele: Ndra te kede am-
pihaino’o rehe, tsy lohà amo fifokoa’ Israeleo hao? ihe noriza’ IEHOVÀ ho mpanjaka’
Israeley? 18 Nafanto’ IEHOVÀ ama’o ty lia’o, ami’ ty hoe: Akia, zamano iaby o nte-
Amaleke mpanan-kakeoo, naho ialio ampara’ te mongotse. 19 Aa vaho akore te tsy
nihaoñe’o ty fiarañanaña’ IEHOVÀ, te mone niambotraha’o i nikopaheñey naho nanao
ty hatsivokarañe am-pivazohoa’ IEHOVÀ?
20 Le hoe t’i Saole amy Samoele: Toe nihaoñeko ty fiarañanaña’ IEHOVÀ, kanao fa
nandenàko i nañiraha’ IEHOVÀ ahiy, naho naseseko atoy t’i Agage mpanjaka’ o nte-
Amalekeo, vaho nimongoreko o nte-Amalekeo. 21 Fe nangala’ ondatio boak’ amy
kinopakey ty añondry, naho añombe, ty soa amo raha nafatseo hisoroñañe am’
IEHOVÀ Andrianañahare’o e Gilgale. 22 Le hoe t’i Samoele: Tea’ IEHOVÀ mandikoatse
ty fañaoñañe i fiarañanaña’ IEHOVÀy hao o enga oroañeo naho o soroñeo? Toe zoke’
ty soroñe ty fañorihañe naho lombolombo’ ty solin’ añondrilahy ty fañaoñañe. 23 Fa
hakeom-pamorehañe ty fiola naho hatsivokarañe mitrao-pahasive ty fanjeharañe.
Kanao napo’o ty tsara’ IEHOVÀ le naforintse’e ka ty maha-mpanjaka azo.
24 Aa hoe t’i Saole amy Samoele, toe aman-kakeo raho, nandilatse amy lili’ IEHOVÀy
naho amo saontsi’oo; toe nihembañako ondatio, naho nihaoñeko o feo’eo. 25 Aa ehe
iheveo i tahikoy vaho mindreza fimpoly amako hitalaho am’ IEHOVÀ. 26 Fa hoe t’i
Samoele amy Saole: Tsy himpoliako; fa nado’o ty tsara’ IEHOVÀ naho nado’ IEHOVÀ
rehe tsy ho mpanjaka’ Israele ka! 27 Nitolike mb’eo amy zao t’i Samoele hañavelo,
fe nivontitire’e i saro’ey vaho niriatse. 28 Le hoe t’i Samoele ama’e: Fa rinia’ IEHOVÀ
ama’o anindroany ty fifeheañe Israele vaho natolo’e ami’ty mpiama’o, ty soa te ama’o
29 vaho tsy mandañitse, tsy maneñeñe ty Enge’ Israele, ie tsy ondaty hikinañe. 30 Le
hoe re: Aman-kakeo raho; fe miambane ama’o, miasia ahy añatrefa’ o roandria’
ondatikoo naho aolo’ Israele vaho mindreza fimpoly amako hitalaho am’ IEHOVÀ
Andrianañahare’oy. 31 Aa le niharo fibalik’ amy Saole t’i Samoele vaho nitalaho am’
IEHOVÀ t’i Saole.
32 Le hoe t’i Samoele: Aseseo mb’etoa t’i Agage mpanjaka’ o nte-Amalekeo. Aa le
nigolengole mb’ama’e mb’eo t’i Agage, fa hoe ty natao’ i Agage: Toe fa añe ty hafairan-
kavilasy. 33 Fe hoe t’i Samoele ama’e: Manahake ty tsy nañengà’ i fibara’oy ho aman’
anake o rakembao ty hanoañe tsy ho aman’ anake ka i rene’o añivo’ o rakembao.
Vaho tinoritori’ i Samoele t’i Agage añatrefa’ IEHOVÀ e Gilgale. 34 Nimpoly mb’e Ramà
mb’eo amy zao t’i Samoele; vaho nionjo mb’ añ’anjomba’e e Gibeate-Saole mb’eo t’i
Saole. 35 Le lia’e tsy nitilike i Saole ka t’i Samoele ampara’ ty andro nihomaha’e;
nandala i Saole t’i Samoele vaho niselekaiña’ IEHOVÀ te nanoe’e Mpanjaka’ Israele t’i
Saole.

# 16

1 Hoe t’IEHOVÀ amy Samoele: Pak’ombia t’ie mbe handala i Saole kanao fa nadòko
tsy ho mpanjaka’ Israele ka? lipolipò menake i tsifa’oy le akia, fa hiraheko mb’am’
Iisay nte-Betlekheme* mb’eo fa nijoboñeko mpanjaka ho ahy ty raik’ amo ana’eo.
2 Le hoe t’i Samoele, Akore ty handenàko mb’eo? ke ho rendre’ i Saole, hañohofa’e
loza. Le hoe t’IEHOVÀ. Andeso tamana vaho anò ty hoe: Pok’ atoy raho hanao soroñe
am’ IEHOVÀ. 3 Kanjio t’Iisay† hiatrefa’e i soroñey, le hatoroko azo ze hanoe’o, vaho
horiza’o ho ahy ty hitoñonako añarañe. 4 Le nanoe’ i Samoele i tsinara’ IEHOVÀy vaho

* **16:1** Betlekheme: Anjomba-mofo † **16:3** Iisaiy: tolotse; ravoravo

niheo mb’e Betlekheme mb’eo. Le ninevenevetse amy fitotsaha’ey o androanavi’ i
rovaio nanao ty hoe: An-kanintsiñe hao ty ivotraha’o atoy? 5 Le hoe re, Fañanintsiñe,
pok’ eo raho hisoroñe amy Iehovà; mañefera vatañe, naho mindreza amako mb’ amy
soroñey; le nefera’e ka t’Iisay naho o ana’eo vaho nambara’e homb’ amy soroñey.
6 Ie nihirike, le nitalare’e t’i Eliabe, nitsakore ty hoe; Toe añatrefa’ Iehovà eo i
horìza’ey. 7 Fe hoe t’Iehovà amy Samoele; Ko mandrèndreke ty lahara’e ndra ty
haabo’ ty fijohaña’e, amy t’ie fa nadòko; toe tsy ami’ty fahaisaha’ ondatio ro ie,
amy te mandrèndreke ty vinta’e alafe’e ondatio, vaho mandrendrek’ arofo t’Iehovà.
8 Kinanji’ Iisay t’i Abinadabe‡ vaho nampiarie’e añatrefa’ i Samoele. Fa hoe re, Tsy
jinobo’ Iehovà toke. 9 Nampiarie’ Iisay ama’e ka t’i Samà§, fa hoe re, toe tsy jinobo’
Iehovà ka toke. 10 Aa le nampiarie’ Iisay añatrefa’ i Samoele ty ana-dahi’e fito, fa hoe
t’i Samoele am’ Iisay, Tsy jinobo’ Iehovà o retoañe. 11 Le hoe t’i Samoele am’Iisay,
Etoañ’ iaby hao o ana’oo? le hoe re: Mbe añe ty tsitso’e; toe miarak’ añondry. Le hoe
t’i Samoele am’ Iisay: Ampañitrifo; fa tsy hivory* tika ampara’ t’ie pok’eo. 12 Aa le
nampañitrife’e naho nampizilihe’e. Volovoloen-dre, niloeloe o maso’eo naho naràm-
bintañe; vaho hoe t’Iehovà: Miongaha orizo, ie toke. 13 Aa le rinambe’ i Samoele i
tsifa ama’ menakey naho noriza’e añivo’ o longo’eo; vaho namparingatse i Davide
henane zay ty Arofo’ Iehovà. Le niongake t’i Samoele nimb’ e Ramà mb’eo.
14 Ie amy zao, fa nienga i Saole ty Arofo’ Iehovà, vaho nañangara’ ty fañahy
raty boak’ am’ Iehovà. 15 Le hoe o mpitoro’ i Saoleo ama’e: Eo hey, toe fañahy
raty boak’ aman’ Añahare ty mañangatse azo henaneo; 16 ee te hafanto’ i talè’ay
henaneo o mpitoro’e miatrek’ azeo, ty hitsoeke mpititike maro-taly mahimbañe; aa
ie mañangats’ ama’o i fañahy raty boak’ aman’ Añaharey, le hititiha’e am-pità’e,
hampanintsiñ’ azo. 17 Le hoe t’i Saole amo mpitoro’eo: Paiao ho ahy henaneo
t’indaty mahafititike, le endeso mb’amako mb’etoa. 18 Aa hoe ty natoi’ ty ajalahy,
Inao, nitrea’ay ty ana’ Iisay nte-Betlekheme, mpititike mahay, ie fanalolahy naho
lahindefoñe, mahity am-pitoloñañe, ondaty soa vintañe vaho ama’e t’Iehovà. 19 Aa
le nahitri’ i Saole am’Iisay ty hoe: Iraho mb’ amako mb’etoa i Davide ana’o mpiarak’
añondriy. 20 Le nandrambe borìke t’Iisay naho nampilogologoe’e mofo naho ty
zonjòn-divay naho ty vik’ose vaho nampihitrife’e mb’ amy Saole mb’eo añamy
Davide, ana’e. 21 Nimb’ amy Saole mb’eo t’i Davide naho nijohañe añatrefa’e; le
vata’e nikokoa’e; vaho nanoe’e mpinday ty fikala’e. 22 Le nahitri’ i Saole am’ Iisay
ty hoe: Ehe, iantofo te hijohañe añatrefako t’i Davide, ie nanjo fañisohañe am-
pahatreavako. 23 Aa ndra mb’ia nañangaram-pañahy boak’ aman’ Añahare t’i Saole
le rinambe’ i Davide i marovaniy naho nititihe’e am-pità’e; le nitotòtse t’i Saole, vaho
nanintsiñe fa nisitak’ ama’e i anga-dratiy.

# 17

1 Natonto’ o nte-Pilistio amy zao o lahindefo’eo hañotakotake vaho nifamory
e Sokò*‘ Iehoda ey le nitobe añivo’ i Sokò naho i Azekà† e Efe-damime‡ ao.
2 Nifanontoñe naho nitobe am-bavatane’ i Elà§ ao t’i Saole naho o ana’ Israeleo vaho
nilahatse hifañotakotak’ amo nte-Pilistio. 3 Nitrobàke ami’ty vohitse añ’ila’e eo o
nte-Pilistio vaho nizorazora am-bohitse añ’ila’e eo ka o ana’ Israeleo; añivo’ iereo ty
vavatane. 4 Niavotse an-tobe’ o nte-Pilistio ty fanalolahy atao Goliate* nte-Gate, enen-
kiho mitovon-jehe-pitàñe ty haabo’e. 5 Sabaka torisìke ty tañambone’e, nisikiñe
fiaro torisìke; lime arivo sekelen-torisìke ty lanja’ i fiaro zay. 6 Fikalañe torisìke

‡ **16:8** Aminadabe; raem-panta, fahimbañañe § **16:9** Samà: motso; mangoakoake; halatsañe * **16:11** Toe: tsy hiharo am-pandambañañe eo * **17:1** Sokò: Fiaro † **17:1** Azekà: Hafatraran-kijoly ‡ **17:1** Efe-damime; fiorihan-dio § **17:2** Elà: Kile; fatse; fandañirañe * **17:4** Goliate: fitsahañe, fivariñañe; votre

ka ty an-kitso'e vaho fikalan-defon-torisìke ty an-tsoro'e. 7 Hoe taram-pitenoñe i
taran-defo'ey, nilanja enen-jato sekelem-by ty lohan-defo'e vaho niaolo aze ty mpijiny
fikalan-defoñe. 8 Nijagarodoñe ey re nikoikoike amo lahindefon' ana' Israeleo ty hoe:
Ino ty iakara'areo am-piriritañe hialy? Tsy nte-Pilisty hao raho, naho mpitoro' i Saole
nahareo? Aa le joboño t'indaty ama' areo hizotso mb' amako mb'etoa. 9 Ie mahafialy
amako, naho mahagiok' ahy, le ho mpitoro' areo zahay, fe naho maharekets' aze
raho le ho mpitoro'ay nahareo. 10 Hoe ka i nte-Pilistiy: Mañatreatre o lahindefon-
te-Israeleo raho androany, anoloro ondaty hifandraparapaha'ay. 11 Ie jinanji' i Saole
naho Israele iaby ty saontsi' i nte-Pilistiy, le nitsololòke naho nirevendreveñe.

12 Ie amy zao ana' ty nte-Efrate† atao Iisay nte Betlekheme e Iehoda t'i Davide,
valo o ana-dahi' indatio; ie fa bey tañ' andro' i Saole, nigain-kantetse am' ondatio.
13 Nomb' añ'aly hañorike i Saole ty zoken' ana'e telo. Ty tahina' i telo nomb' an-
kotakotake rey le i Eliabe, tañoloñoloña'e, naho i Abinadabe nanonjohy aze, vaho
i Samà ty fahatelo'e. 14 I Davide ty tsitso'e; nañorike i Saole añe i zoke'e telo rey.
15 Fe nibalike boak' amy nindreza'e amy Saoley t'i Davide hiandraza'e o añondrin-
drae'e e Betlekhemeo. 16 Nitotoke mb'eo boa-maraiñe naho hariva, efa-polo andro, i
nte-Pilistiy.

17 Aa hoe t'Iisay amy Davide ana'ey, Endeso henaneo ty ampemba-tono efà raike
toy naho ty vonga-mofo folo retoy, le mihitrifa mb' aman-drahalahi'o an-tobe añe;
18 naho tintino mb' amy mpifehe arivo' iareoy mb'eo ty habobo maike folo retoy,
le añontaneo o rahalahi'oo, vaho ampitalilio ahy. 19 Am-bavatane' i Elà ao t'i
Saole rekets' iereo naho o ana' Israele iaby mialy amo nte-Pilistioo. 20 Aa le
nañaleñaleñe t'i Davide; nenga'e ami'ty mpiarake, o añondri'eo naho nionjomb' amy
nañiraha' Iisaiy vaho nivotrak' amy tobey, ie nivovotse mb' an-kotakotake mb'eo o
lahindefoñe nikoikoik' alio. 21 Songa nandahatse lahindefoñe t'Israele naho o nte-
Pilistio, lahindefo miatre-dahindefoñe. 22 Aa le napo' i Davide amy mpamandron-
kilankañey o enta'eo vaho nipitsike mb'amo lahindefoñeo mb'eo; ie pok'eo le
nañontàne o rahalahi'eo, 23 nifanaontsy am' iereo naho hehe te boak' amy nte-Pilisty
màroy i fanalolahy nte-Pilisty nte-Gatey, Goliate ty tahina' i nitsey i entañeiy vaho
tsinano' i Davide. 24 Ie nahaisak' aze o lahindefo' Israele iabio le nivoratsake hisitak'
ama'e, fa loho nihembañe. 25 Le hoe o ana' Israeleo: Nirendre'o hao ondaty pok'
atoio? Ty hampisoaña'e Israele ty nihirifa'e; ie amy zao, ze ondaty hamono aze ro
hañoboña' i mpanjakay vara hampañaleale aze naho hatolo'e aze i anak' ampela'ey
vaho ho haha'e‡ am' Israele ty akiban-drae'e. 26 Le hoe ty asa' i Davide amo nijohañe
marine azeo: Ino ty ho tambe' t'indaty mahafañoho-doza amo nte-Pilisty e hoeke eio
hañafaha'e ty fañinjea'e Israele? fa ia o nte-Pilisty tsy nisavareñeo te godabae'e o
lahindefon' Añahare veloñeo? 27 Le tinoi' ondatio amo hoe zao, t'ie: Zay ty hanoañe
indaty mahavono azey. 28 Jinanji' i Eliabe, zoken-drahalahi'e, i reha'e am' ondatioy;
le nisolebotse amy Davide ty haboseha'e, vaho nanoa'e ty hoe: Ino ty nizotsoa'o
mb'etoa? naho nenga'o ama' ia o añondry tsy ampeampe an-dratraratrao? Haiko ty
fiebotsebon-tro'o naho ty halo-tsere'o; ihe nizotso mb'etoa hisamba i hotakotakey.
29 Hoe t'i Davide: Ino ze o nanoeko, tsy nirehak' avao hao? 30 Le niambohoa'e
naho nitolik' ami'ty ila'e naho nañontane i hoe zay indraike; fe natoi' ondatio aze ty
manahake i teoy.

31 Aa ie nijanjiñeñe o saontsi' i Davideo, le nahereñe aolo' i Saole i enta'ey;
vaho nasese mb'eo re. 32 Le hoe t'i Davide amy Saole; Ehe te tsy eo ty ondaty
hamoe ay ty ama'e, fa hionjomb'eo o mpitoro'oo hifandrapak' amy nte-Pilistiy. 33 Le
hoe t'i Saole amy Davide: Tsy ho lefe'o ty hionjomb' amy nte-Pilistiy hialia'o; ihe

† 17:12 Efrate: miregorego; mahavokatse ‡ 17:25 Tsy handoa'e haba

mbe tora’e, ie lahindefoñe sikal’ ami’ ty nahajalahy aze. 34 Aa hoe t’i Davide amy
Saole: Niarake o añondrin-drae’eo o mpitoro’oo; le ie pok’eo ty liona§ ndra ty
dobe* nitavañe vik’añondry amy lia-raikey, 35 le nañeañe aze raho le vinonoko naho
navotsoko am-bava’e; aa ie nitroatse amako le rinambeko o volon-tsoma’eo naho
linafako vaho vinonoko. 36 Fa hene vinono’ o mpitoro’oo ty liona naho ty dobe le ho
hambañe ami’ty raik’ amy zay ty nte-Pilisty tsy nisavareñe roa, oniñe t’ie nanalatse
o lahindefon’ Añahare veloñeo. 37 Tinovo’ i Davide ty hoe, IEHOVÀ nandrombak’ ahy
an-dela-tombon-diona naho an-dela-tombon-dobey, ty handrombak’ ahy an-taña’ t’i
nte-Pilisty toañe. Aa hoe t’i Saole amy Davide, Akia, hitahy azo t’IEHOVÀ.

38 Nasaro’ i Saole amy Davide o saro’eo, naombe’e an-doha’e eo i sabaka’e torisìkey
vaho nanoe’e ama’e o gozò’eo. 39 Le nadia’ i Davide amo saro’eo i fibara’ey naho
nimanea’e ty hitsontike amo tsy nañohara’eo, le hoe t’i Davide amy Saole; Tsy ho
lefe i liakoy amo raha retiañe, fa tsy niventèko. Le nafaha’ i Davide irezay.

40 Rinambe’e am-pità’e i kobai’ey, naho nijoboñe vato lime malama an-torahañ’
ao vaho najo’e amy mozete’ey, toe an-kotra’e ao; tam-pità’e i pile’ey; le nitotofe’e
i nte-Pilistiy. 41 Niheo mb’amy Davide mb’eo i nte-Pilistiy, niharine, niaolo aze i
mpinday fikala’ey. 42 Jinilojilo i nte-Pilistiy le naharendreke i Davide naho nitorifiha’e
fa ajalahy mena, soa-vintañe. 43 Le hoe i nte-Pilistiy amy Davide: Amboa v’o aho te
harinea’o an-kobaiñe? Le nozoñe’ i nte-Pilistiy amo ‘ndrahare’eo t’i Davide. 44 Le
hoe i nte-Pilistiy amy Davide: Mb’amako mb’etoa le hatoloko amo voron-tiokeo o
nofo’oo naho amo bibin-kivokeo. 45 Le hoe t’i Davide amy nte-Pilistiy: Itotoha’o
am-pibara naho lefoñe vaho ana-defoñe, f’ihe ty harivoeko ami’ty tahina’ IEHOVÀ’
i Màroy, t’i Andriananañahare’ o lahindefo’ Israele sigìhe’oo. 46 Hatolo’ IEHOVÀ an-
tañako rehe te anito; le ho zevoñeko, naho ho kitsiheko ama’o ty añambone’o vaho
hatoloko amo voron-tiokeo naho amo bibin-kivokeo anito o lolo’ i valobohò nte-
Pilistiio; hahafohina’ ty tane bey toy te aman’ Añahare ty e Israele ao. 47 Le ho
fohi’ ze hene ondaty vory atoy te maharombake tsy amam-pibara tsy aman-defoñe
t’IEHOVÀ, toe a’ IEHOVÀ ty hotakotake, fa natolo’e an-taña’ay nahareo. 48 Niongake le
nimb’eo i nte-Pilistiy niharine amy Davide, le nipitsike ty lay mb’ amo mpiatreatreo
t’i Davide higaoñe amy nte-Pilistiy, 49 le nampijom-pitàñ’ an-kotra’e ao t’i Davide
nañakatse vato, naho nipilere’e amy pile’ey le nipelañe am-pela-handri’ i nte-Pilistiy
i vatoy le nilentek’ am-panda’e ao, vaho nitafahohoke re, laharañe an-tane. 50 Aa
le naozatse te amy Pilistiy t’i Davide am-piletse naho vato. Zinevo’e vaho vinono’e
i nte-Pilistiy ndra te tsy amam-pibara ty fità’ i Davide. 51 Nilay t’i Davide nijohañe
amy nte-Pilistiy eo naho rinambe’e ty fibara’e naho napontsoa’e amy traño’ey naho
finatsi’e, nampikitsike i añambone’ey.

Aa ie naharendreke te mate i fanalolahi’ey o nte-Pilistio, le nitriban-day. 52 Niongak’
amy zao o lahindefo’ Israele naho Iehodao, nampipoña-koikoin’ aly vaho nañoridañe
o nte-Pilistio pake Gate naho ampara’ o lalambei’ i Ekroneo. Nifitak’ amy lalañey pake
Saaraime naho sikal’amy Gate naho i Ekrone o nte-Pilisty nifereo. 53 Ie nimpoly amy
fañoridà’ iareo o nte-Pilistioy o ana’ Israeleo le fonga kinopa’ iareo ty vara an-tobe’
o nte-Pilistio. 54 Rinambe i Davide ty añambone’ i nte-Pilistiy, vaho nendese’e mb’e
Ierosalaime mb’eo, fe nahaja’e an-kiboho’e ao o fikala’ i Goliateo. 55 Ie niisa’ i Saole
t’i Davide nionjo hifañatrek’ amy nte-Pilistiy, le nañontanea’e t’i Abnere, mpifehe’
i màroy: Ana’ ia o ajalahio? aa hoe ty natoi’ i Abnere: Amy te veloñe ty arofo’o ry
mpanjaka, toe tsy fantako. 56 Hoe i mpanjakay, Rendreho te ana’ ia i ajalahiy. 57 Ie
nibalik’ amy nañohofa’e loza amy nte-Pilistiy t’i Davide le nendese’ i Abnere mb’amy

§ **17:34** Liona: hoe farasy bey mihina’ ondaty * **17:34** Dobe: biby jabajaba te ama’ondaty

Saole mb’eo, am-pità’e ty loha’ i nte-Pilistiy. 58 Nañontane aze t’i Saole: O ajalahio,
ana’ ia v’iheo? Ana’ i mpitoro’o Iisay nte-Betelekemey, hoe t’i Davide.

# 18

1 Ie niheneke ty saontsi’e amy Saole, le nifamitrañe an-tro’ i Davide ty tro’ Ionatane.
Nikokoa’e manahake ty vata’e. 2 Mifototse amy andro zay t’ie nitana’ i Saole, tsy
nenga’e himpoly aman-drae’e añe. 3 Nanao fiatehenàñe amy Davide t’Ionatane amy
te nikokoa’e manahake ty vata’e. 4 Nafaha’ Ionatane ty sarimbo ama’e le natolo’e
amy Davide rekets’ i saron’ ali’ey, i fibara’ey, i fàle’ey, vaho i sadia’ey. 5 Le niavotse
mb’amy ze nañiraha’ i Saole aze añe t’i Davide naho nitoloñe an-kahimbañe; le
najado’ i Saole ho mpifehe o lahindefoñeo, ie niantofañe am-pahaisaha’ ze hene
ondaty naho am-pahaoniña’ o mpitoro’ i Saoleo.
6 Ie pok’ eo t’i Davide naho o mpiama’eo, nimpoly boak’ añ’aly amo nte-Pilistioy, le
niakatse amy ze rova’ i Israele iaby o ampelao nisabo an-tsinjake, hifanalaka amy
Saole Mpanjaka an-pikoriñañe naho nirebeke an-jejo-bory*. 7 Nisabo ty hoe an-
kafaleañe o rakembao: Fa nanjamañe ty arivo’e t’i Saole vaho ty aleale’e t’i Davide.
8 Nitorifike amy zao t’i Saole fa natao’e t’ie fampifotsahañ’ aze. Amoliliañe añ’
aleale’e t’i Davide fe añ’ arivo’e avao ty ahiko. I fifeheañey avao ty mbe tsy aze. 9 Ie
henane zay nikirofe’ i Saole t’i Davide. 10 Aa ie amy loak’ àndroy, nangare’ ty fañahi’
raty boak’ aman’ Añahare an-kafatrara’e t’i Saole, le nitazataza am-po’ i anjombay
ao, naho nititike am-pitàñe t’i Davide ami’ty lili’e lomoñandro, ie am-pità’ i Saole ty
lefo’e. 11 Hiniriri’ i Saole i lefoñey, ie nitsakore ty hoe: Ho tomboheko an-drindriñe
eo t’i Davide. Indroe niholiatse aze t’i Davide.
12 Nampihembañe i Saole t’i Davide, amy te nindre ama’e t’Iehovà, ie fa nienga
i Saole. 13 Aa le nasita’ i Saole ama’e, vaho nanoe’e mpifehe-arivo; niavotse naho
nizilik’ añatrefa’ ondatio. 14 Nilefe iaby ze raha nanoe’ i Davide; fa tama’e t’Iehovà.
15 Ie nioni’ i Saole t’ie nitoloñ’ an-kihitse, le nihembaña’e. 16 Fe nikokoa’ Israele
naho Iehodà iaby t’i Davide, amy t’ie niavotse naho nizilik’ añatrefa’ iareo. 17 Le
hoe t’i Saole amy Davide: Ingo, hatoloko azo t’i Merabe zoken’ anak’ ampelako; fe
mahimbàña ho ahy, vaho ialio o ali’ Iehovào; ami’ty natao’ i Saole ty hoe: Tsy ty
tañako ty hiatrek’ aze, fa hiatrefa’ ty fità’ o nte-Pilistio. 18 Le hoe t’i Davide amy Saole,
Ia v’irahoo, ino ty fiaiko naho ty fiain-dongon-draeko e Israele ao t’ie ho vinanto’ ty
mpanjaka? 19 Aa ie ho natolotse amy Davide t’i Merabe anak’ ampela’ i Saole te
mone natolo’e amy Adriele nte Meholatite ho tañanjomba’e. 20 Fe nikokoa’ i Mikale
anak’ ampela’ i Saole t’i Davide; natalily amy Saole zay le ninò’e. 21 Aa hoe t’i Saole,
Hatoloko aze re ho fandrik’ ama’e, hatreatré’e o nte-Pilistio. Aa le hoe t’i Saole amy
Davide. Ho vinantoko rehe amy faharoey. 22 Le nandily o mpitoro’eo t’i Saole, ty hoe:
Bisibisiho amy Davide ty hoe: Inao! ifalea’ i mpanjakay vaho mikoko azo o mpitoro’e
iabio, aa le miantofa t’ie ho vinanto’e. 23 Aa le sinaontsi’ o mpitoro’ i Saoleo an-
dravembia’ i Davide i entañe zay. Aa hoe t’i Davide, Atao’ areo ho raha maivañe hao
t’ie ho vinantom-panjaka, zaho ondaty rarake naho mavomavo. 24 Natalili’ o mpitoro’
i Saoleo ama’e zay ami’ty hoe: Inao ty entañe sinaontsi’ i Davide. 25 Le hoe t’i Saole:
Zao ty ho saontsie’ areo amy Davide: Tsy mipay lafitihy i mpanjakay, fa ofoke zato
boak’ amo nte-Pilistio, ho fañavahañe o rafelahi’ i mpanjakaio. Amy te kinilili’ i
Saole ty hampihotrake i Davide am-pitàn-te-Pilisty. 26 Aa ie nisaontsie’ o mpitoro’eo
amy Davide i entañe zay, le ninò’ i Davide ty ho vinanto’ i mpanjakay, aolo’ ty fepèn’
andro; 27 aa le niavotse mb’eo t’i Davide, ie naho o mpiama’eo, naho zinama’ iareo
t’i nte-Pilisty roan-jato, vaho nendese’ i Davide o ofo’eo, le natolo’e amy mpanjakay
ami’ty ia’e do’e, soa t’ie ho vinanto’ i mpanjakay. Le natolo’ i Saole aze t’i Mikale

* 18:6 Heb: taly-telo

anak' ampela'e ho vali'e. 28 Napota' i Saole te amy Davide t'IEHOVÀ mbore nikoko
aze t'i Mikale anak' ampela'e; 29 aa antsake te nihembañe amy Davide t'i Saole, vaho
nitolon-ko rafelahi' i Davide t'i Saole. 30 Mpiavotse mb'eo o talèm-Pilistio; fe, ndra
mbia mbia niakatse, le niraorao ambone' o mpitoro' i Saole iabio t'i Davide vaho
nonjoneñe añ'abo i tahina'ey.

# 19

1 Le nisaontsy am' Ionatane ana'e naho amo mpitoro'e iabio t'i Saole, hañohofa'
iareo loza amy Davide; fe mpirañetse amy Davide t'Ionatane ana' i Saole. 2 Le
natalili' Ionatane amy Davide ty hoe: Mipay hamono azo ty raeko; aa ehe mitaoa
te maraindray le mipalira añetake, 3 fa hiakatse raho hijohañe marine an-draeko
an-kivoke ietaha'o, hitalily azo aman-draeko; le hataliliko azo ze treako. 4 Nisaontsy
soa i Davide amy Saole rae'e t'Ionatane, ami'ty hoe: Ehe te tsy hanan-tahiñe amy
Davide mpitoro'ey, i mpanjakay; amy t'ie tsy nandilatse ama'o, naho nisoa iaby ty
fitoloña'e ama'o; 5 naho nado'e an-taña'e ao ty fiai'e t'ie nandafa i nte-Pilistiy, ie
ninday fandreketam-bey ho a Israele t'IEHOVÀ; nioni'o zay, vaho nirebeke; aa le
manao akore t'ihe hanan-kakeo an-dio-maliñe, hamonoa'o tsy aman-tali'e t'i Davide?
6 Hinao' i Saole ty fiarañanaña' Ionatane; le nifanta ami'ty hoe: Kanao veloñe
t'IEHOVÀ tsy havetrake re. 7 Kinoi' Ionatane amy zao t'i Davide le nitalilia'e; vaho
nendese' Ionatane añatrefa' i Saole eo manahake te taolo.

8 Nirehetse indraike ty aly; le niavotse mb'eo t'i Davide, nialy amo nte-Pilistio vaho
ra'elahy i fizamanañey, kanao nandripàke aolo'eo. 9 Nivotrak' amy Saole amy zao
ty fañahy raty boak' amy IEHOVÀ, ie niambesatse añ' anjomba'e ao reketse lefoñe
am-pità'e, naho nititik' am-pità'e t'i Davide. 10 Le nimanea' i Saole tombo-defoñe t'i
Davide hipiteha'e amy rindriñey, f'ie nipoliotse am-piatrefa'e le tinombo' i lefoñey i
rindriñey naho nibotiotse t'i Davide, nienga amy haleñey. 11 Namantoke ìrake homb'
an-traño' i Davide ao t'i Saole, hamono aze naho maraindray; fa nitalilia' i Mikale
vali' i Davide ty hoe: Naho tsy mandrombak' ain-drehe te anito haleñe le havetrake
te maray.

12 Aa le nazotso' i Mikale ami'ty lalan-kede t'i Davide vaho nienga, le niherereak'
añe. 13 Rinambe'i Mikale ty terafime* naho nampandre'e am-pandreañe eo, le napo'e
an-doha'e eo ty fikalam-bolon-ose vaho kinolopo'e lamba. 14 Aa ie nañitrifa' i Saole
t'i Davide, le hoe t'i Mikale, Siloke re. 15 Le nañitrike indraike t'i Saole handrèndreke
i Davide, ami'ty hoe: Aseseo amako am-pandrea'e hamonoako aze. 16 Ie nimoak' ao
i mpihitrike rey, hehe te saren-draha ty am-pandreañe ao vaho fikalam-bolon-ose ty
natao loha'e. 17 Le hoe t'i Saole amy Mikale, Ino ty namañahia'o ahy, te nasinta'o
i rafelahikoy, ie nimonazake mb'eo? Le hoe ty natoi' i Mikale amy Saole, Hoe re
tamako, Apoho hiavotse raho, tsy mone havetrako.

18 Aa le nioratse ty lay t'i Davide naho nivotrak' amy Samoele e Ramà añe; le hene
natalili'e ama'e ty nanoa' i Saole aze. Nañavelo mb'e Naiote† re mindre amy Samoele
vaho nimoneñe ao. 19 Natalily amy Saole ty hoe: Inao! e Naiote e Ramà ao t'i Davide.
20 Nañitrike mb' amy Davide mb'eo t'i Saole; aa ie tendrek' am' iereo o mpitoky
nitokio, naho nijohañe ho mpiaolo' iareo t'i Samoele le nivotrak' amo ira' i Saoleo
ty Arofon' Añahare vaho nitoky ka. 21 Ie natalily amy Saole, le nañirake ty ila'e fe
mbe nitoky avao. Nañitrike fañintelo'e vaho nitoky ka. 22 Aa le nañavelo mb'e Ramà
ka re naho nipok' an-kadaha jabajaba' i Sekò eo; vaho nañontane ami'ty hoe: Aia
t'i Samoele naho i Davide? Le hoe ty raike: Inao, e Naiote e Ramà añe. 23 Aa le
nimb'e Naiote e Ramà re le nivotrak' ama'e amy lia'ey ka i Arofon' Añaharey vaho
nitolom-pitoky am-para' te pok'e Naiote e Ramà ao. 24 Hinalo'e iaby o saro'eo vaho

* 19:13 Terafime: saren-draha ihalaliañe † 19:18 Naiote: akiba, fimoneñañe

nitoky añatrefa' i Samoele, le nàndre niboridañe ey avao re amy àndroy naho amy haleñey. Aa le hoe ty sinaontsy:
Mpiamo mpitokio ka hao t'i Saole?

# 20

1 Nitriban-day boake Naiote e Ramà añe t'i Davide vaho nivotrak' am' Ionatane, le
nanoa'e ty hoe: Ino ze o nanoeko zao? Ino o hakeokoo? naho ino ty tahiko añatrefan-
drae'o, ie mipay ty fiaiko? 2 Le hoe re tama'e: Sondo'e; tsy hihomake rehe; oniño te
tsy manao ndra kede ndra bey ty raeko naho tsy aboa'e amako heike; aa vaho ino ty
hampikafiran-draeko amako o raha zao? Tsy to zay. 3 Mbore nititike t'i Davide nanao
ty hoe: Toe fohin-drae'o t'ie nahaoni-pañisohañe am-pihaino'o, le hoe ty atao'e, Ko
ampahafohineñe Ionatane zao hera hihontoke; fe kanao veloñe t'IEHOVÀ naho veloñe
ty fiai'o le toe lika raike ty añivoko naho ty fikenkañañe. 4 Le hoe t'Ionatane amy
Davide; Ino ty salalan-tro'o hanoeko ama'o? 5 Le hoe t'i Davide am' Ionatane: Inao te
pea-bolañe ty hamaray, le tsy ho napoko ty hitoboke hitrao-pikama amy mpanjakay;
aa le angao homb'eo raho hietak' an-kivok' ao ampara' te haleñe amy andro faha
teloy. 6 Aa naho mipay ahy ndra kede ty rae'o, le anò ty hoe: Nimane halaly amako
t'i Davide ty hihitrifa'e mb'e Betlekheme rova'e; fa tondroke i soron-tsavereña'e boa-
taoñey. 7 Aa naho manao ty hoe re: Soa zay. Le hanintsiñe ty mpitoro'o; f'ie viñetse,
le fohino te ikinia'e raty. 8 Aa le isoho o mpitoro'oo; amy fañina' IEHOVÀ nanoe' i
mpitoro'oy ama'oy; f'ie aman-kakeo le vonò; fa ino ty hanesea'o ahy mb'aman-drae'o
mb'eo?
9 Le hoe t'Ionatane: Atòtse ama'o zay fa naho vata'e napotako te nikililien-draeko
raty, tsy ho nampandrendreheko hao? 10 Aa le hoe t'i Davide am' Ionatane, Ia ty
hitalily amako te nanoiñe azo an-keloke ty rae'o? 11 Le hoe t'Ionatane amy Davide:
Antao homb' an-kivoke ey. Le nimb'an-kivoke ey iereon-dro-roe. 12 Aa hoe t'Ionatane
amy Davide: aolo' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: Zaho fa nitsok' an-draeko ty
amo raha zao te maray, ndra herone, le inao, naho fañisohañe amy Davide ty ao,
lehe tsy hahitriko ama'o, vaho hitalily azo, 13 le ee te hanoe' IEHOVÀ am' Ionatane
naho mandikoatse; fa naho mahafale an-draeko ty mañoho-doza ama'o, le hitaliliako,
hañirahako azo homb'eo, hañaveloa'o am-panintsiñañe; vaho hindre ama'o t'IEHOVÀ
manahake ty nindreza'e aman-draeko. 14 Aa naho mbe velon-draho tsy haboa'o
amako hao ty fiferenaiña' IEHOVÀ, tsy hihomahako? 15 Le tsy hapitso'o an-trañoko
nainai'e ty fañisoha'o; ndra te naitoa' IEHOVÀ o rafelahi' i Davideo, fonga finao'e an-
tane atoy. 16 Aa le nifañina ami'ty anjomba' i Davide t'Ionatane, t'ie ho paia' IEHOVÀ
am-pità' o rafelahi' i Davideo. 17 Le nampifantà' Ionatane indraike t'i Davide, ami'ty
fikokoa'e; amy te nikokoa'e manahake ty nikokoa'e ty vata'e. 18 Le hoe t'Ionatane
ama'e: Hiri-bolañe te maray: le ho paian-drehe; amy te ho kòake i fiambesa'oy.
19 Aa le mietaha soa rehe te herone, le miheova mb'amy fikafira'o amy androm-
pitoloñañey le ey avao rehe marine ty vato' i Ezele. 20 Hahiririko ty ana-pale telo
añ'ila'e eo, hoe mañohatse fanolarañe. 21 Ie amy zao, hañitrifako ajalahy: Akia
paiao o ana-paleo. Aa naho ataoko ty hoe: Ingo, añ'ila'o atoy o ana-paleo, rambeso
vaho mb'etoa; le fañanintsiñe ty ho ama'o fa tsy joy, kanao veloñe t'IEHOVÀ. 22 F'ie
ataoko ty hoe i ajalahiy: Inge, mbe aolo'o añe o ana-paleo; le akia, fa nirahe' IEHOVÀ
mb'eo. 23 Aa i nisaontsien-tikañey, Inao! añivon-tikañe nainai'e t'IEHOVÀ.
24 Le nietak' an-kivok' ao t'i Davide; aa ie nipea-bolañe, niambesatse hikama i
mpanjakay. 25 Niambesatse amy fiambesa'ey i mpanjakay, manahake ty lili'e, amy
fiambesatse mioza amy rindriñeiy; nijohañe t'Ionatane, vaho niambesatse añ'ila' i
Saole eo ty Abnere; fe nikòake ty fiambesa' i Davide. 26 Tsy nisaontsy ndra inoñ' inoñe
amy andro zay t'i Saole, fa hoe ty natao'e: Va'e nifetsahan-draha; he t'ie maleotse;

tsy malio. 27 Ie amy loak' andro manonjohy i pea-bolañeiy, i andro faharoey, naho
nikoake ty fiambesa' i Davide; le hoe t'i Saole am' Ionatane ana'e: Akore te tsy nimb'
am-pikamàñe mb'etoa i ana' Iisay, ndra omale ndra androany? 28 Le hoe ty natoi'
Ionatane amy Saole: Nihalalia' i Davide t'ie hienga mb'e Betlekheme mb'eo; 29 ami'ty
hoe: Ehe, angao hiavotse raho, fa misoroñe an-drova ao o longokoo vaho nañambara'
ty rahalahiko hiatreke; aa naho nahatendreke fañisohañe am-pihaino'o le adono
hihitrike mb'eo handrendreke an-drolongoko. Aa le tsy niheo mb' am-pandambaña'
i mpanjakay atoa re. 30 Nisolebotse am' Ionatane ty haviñera' i Saole, ami'ty hoe:
Ty anan-drakemba-piola mengoke tia, tsy apotako hao te jinobo'o ho an-kasalara'o
naho ho ami'ty fimeñaram-piboridañan-drene'o i ana' Iisaiiy? 31 Fa naho mbe veloñe
ambone tane atoy i ana' Iisaiiy, le tsy horizan-drehe, ndra ty fifehea'o. Aa le ahitrifo
mb' amako mb'etoa re, fa mañeva ho mate. 32 Le hoe ty natoi' Ionatane amy Saole
rae'e: Aa vaho ino ty hañohofan-doza ama'e? Nanao inon-dre? 33 Aa le nahiriri' i
Saole ama'e i lefo'ey; vaho napota' Ionatane te tampa-kevetse ty rae'e hanjevoñ' i
Davide. 34 Niavotse i fandambañañey t'Ionatane ampiforoforoañe, naho tsy nikama
amy andro faharoe' i volañeiy; ami't'ie nirovetse i Davide vaho nisalaren-drae'e.

35 Ie amy loak' àndroy, le niavotse mb' an-kivoke añe t'Ionatane reketse ty anak'
ajalahy ty amy namantaña'e i Davidey. 36 Le hoe re amy ajalahiy: Akia, hitrifo an-day
o ana-pale hahiririkoo. Aa ie nilay i ajalahiy le nahiririì'e ty ana-pale hilosora'e amy
ajalahiy. 37 Ie nipok'an-toe' i ana-pale nahiririì' Ionataney i ajalahiy, le hoe ty koi'
Ionatane amy ajalahiy, Tsy ambali'o ey hao i ana-paley? 38 Le hoe ty fipaza' Ionatane
amy ajalahiy: Malisà rehe, masikà, ko mitoboke ey. Le natonto' i ajalahiy o ana-paleo
vaho nimb' amy talè'ey mb'eo. 39 Fe tsy napota' i ajalahiy; Ionatane naho i Davide
avao ty nahafohiñe. 40 Natolo' Ionatane amy ajalahiy o fialia'eo le nanoa'e ty hoe:
Akia, endeso an-drova ao retoy. 41 Ie añe i ajalahiy, le niongak' an-toe'e atimo ao t'i
Davide, naho nibabok' an-dahara'e an-tane, niondreke intelo; naho nifañoroke iereo
vaho nifampirovetse, i Davide ty nandikoatse. 42 Le hoe t'Ionatane amy Davide: Akia
am-panintsiñañe, amy nititihan-tika an-tahina' IEHOVÀ ty hoe: Ho añivon-tika roe
t'IEHOVÀ, naho añivo' o tirikoo naho o tiri'oo nainai'e.

# 21

1 Aa le nienga re nañavelo mb'eo vaho nimoak' an-drova ao t'Ionatane. 2 Niheo
mb'amy Nobe* mb' amy Akimeleke† mpisoroñe mb'eo t'i Davide le nihondrahondra
mb'amy Davide mb'eo t'i Akimeleke, nanao ty hoe: Manao akore te ihe jòriñe
tsy ama'ondaty? 3 Le hoe t'i Davide amy Akimeleke mpisoroñe; namantok' ahy i
mpanjakay ami'ty hoe: Ko ampahoniñe'o ndra ia'ia o añirahako azoo, i nandiliako
azoy; vaho fa niraheko mb'an-koe' an-koe o ajalahio. 4 Aa le ino ty ambane fità'o?
vonga-mofo lime? atoloro an-tañako, ndra ze zoeñe ao. 5 Le hoe ty natoi' i
mpisoroñey amy Davide: Tsy ama' mofo tsotra, fa mofo miavake avao naho toe tsy
nañarine ampela o ajalahio.

6 Le hoe ty natoi' i Davide amy mpisoroñey, Toe sinebañe tsy ho ama'ay o ampelao
ze andro telo zay; ie niakatse mb'etoa, le miavake ty horo' o ajalahio ndra te tsotra ty
lia, àntsak' anito te hiavake o horo' iareoo. 7 Aa le tinolo' i mpisoroñey mofo miavake;
fa tsy tao ty mofo naho tsy i mofo miatreke natsoake boak' añatrefa' IEHOVÀ nasolo
ty mofo mafana amy andro nampitsoahañe azeiy. 8 (Teo amy andro zay ty mpitoro'
i Saole, tambatse aolo' IEHOVÀ; i Doege ty tahina'e, nte-Edome, mpiaolo o mpiara'
i Saoleo.) 9 Le hoe t'i Davide amy Akimeleke: Tsy ho ambanem-pità'o atoa hao ty
lefoñe ndra fibara? zaho tsy ninday ndra fibara ndra o fialiakoo amy te nimeke ty

* 21:2 Nobe: ankaboañe † 21:2 Akimeleke: rahalahim-mpanjaka

raha' i mpanjakay. 10 Le hoe i mpisoroñey: ty fibara' i Goliate nte-Pilisty zinevo'o am-
bavatane' i Elà, ingo, miforokoko an-damba an-kalo' o kitambeo; rambeso t'ie no'o;
fa tsy aman-tovo'e ty atoa. Le hoe t'i Davide, Tsy eo ty mañirinkiriñe aze, atoloro ahy.
11 Niongak' amy zao t'i Davide, nibioñe mb'eo ami'ty fihembaña'e i Saole vaho
nimb'e Akise‡ mpanjaka' i Gate mb'eo. 12 Le hoe ty asa' o mpitoro' i Akiseo ama'e: Tsy
i Davide mpanjaka' i taney hao toke? Tsy ie ty nitakasie' iereo an-tsinjake, ty hoe: Fa
namono ty arivo'e t'i Saole, naho ty aleale'e t'i Davide? 13 Nahaja' i Davide an-tro'e ao
i entañe zay, vaho nihembaña'e t'i Akise mpanjaka' i Gate. 14 Aa le novae'e añatrefa'
iereo ty vinta'e nanao sare gege am-pità' iareo, nanokitsokitse an-dalam-bey eo naho
nampiorihe'e am-bolon-tsoma'e ty ìve'e. 15 Le hoe t'i Akise amo mpitoro'eo, Heheke
te seretse t'indaty tiañe; ino ty nandesa' areo aze amako? 16 Mipay ondaty gege hao
raho te nandesa' areo atoy hihisa ami'ty hagegea'e añatrefako etoa? Himoak' añ'
anjombako ao hao t'indaty tia?

# 22

1 Aa le nienga t'i Davide, niherereake mb'an-dakato' i Adolame* ao, le ie jinanji'
o longo'eo naho i anjomban-drae'e iabiy le nizotso mb'ama'e mb'eo. 2 Ze hene
niampoheke, naho o mpisongoo, naho o nafaitse an-trokeo ro nifanontoñe ama'e
ao, le nifehè'e; va'e efajato o nirekets' ama'eo. 3 Niakatse boak'ao t'i Davide nimb'e
Mitspè e Moabe mb'eo, le nanao ty hoe amy mpanjaka' i Moabey. Ehe apoho holy
mb' etoa hey ty raeko naho i reneko ho ama'o ampara' te fantako ty hanoen' Añahare
amako. 4 Aa le nasese'e añatrefa' i mpanjaka' i Moabey iereo vaho nimoneñe ama'e
ao amy ze andro iaby naha am-pipaliray' ao t'i Davide. 5 Le hoe ty Gade,† mpitoky,
amy Davide, ko mipalitse an-kijoly ao; iengao le akia mb'an-tane' Iehodà añe. Aa le
nienga t'i Davide naho nimoak' amy ala' i Keretey‡ ao.
6 Jinanji' i Saole te nioniñe t'i Davide rekets' o mpiama'eo; niambesatse e Gibà t'i
Saole ambane' ty hatae e Ramà ao, am-pità'e ty lefo'e, vaho nijohanjohañe añariseho
aze iaby o mpitoro'eo; 7 le hoe t'i Saole amo mpitoro'e mijohañe ama'eo, Mijanjiña
ry nte-Beniamineo, Tinolo' i ana' Iisaiiy teteke naho tanem-bahe iaby hao nahareo;
songa hanoe'e mpifelek' arivo naho mpifehe-zato hao? 8 kanao sindre mikililly ahy,
leo raike tsy nampiboak' amako te nifañina amy ana' Iisaiy i anakoy, le tsy eo ty
manahelo ahy hitalilia'e te nitroboe' i anakoy i mpitorokoy, hamandroña'e ahiko,
manahake androany? 9 Le hoe ty natoi' i Doege§ nte Edome, i natao ambone' o
mpitoro' i Saoleoy: Nitreako te nimb'e Nobe mb'e Akimelek' ana' i Ahitobe mb'eo
ty ana' Iisay. 10 Ie nañontane am' IEHOVÀ ho aze naho nivatie'e vaho natolo'e aze
ty fibara' i Goliate nte-Pilistiy. 11 Aa le nampañitrife' i mpanjakay t'i Akimeleke
mpisoroñe ana' i Ahitobe naho i anjomban-drae'e iabiy, o mpisoroñe e Nobeo; le
fonga niheo mb' amy mpanjakay mb'eo. 12 Le hoe t'i Saole: Mijanjiña henaneo ry
ana' i Ahitobe; le hoe ty natoi'e, Intoy raho talèko. 13 Le hoe t'i Saole ama'e: Akore
ty nikinià' areo ahiko, ihe naho i ana' Isaìy, kanao tinolo'o mofo naho fibara vaho
nañontane aman' Añahare ty ama'e, soa t'ie hitroatse amako, hiampira'e, manahake
androany. 14 Tinoi' i Akimeleke i mpanjakay ami'ty hoe: Aa vaho ia amo mpitoro'oo
ty atokisañe mandikoatse i Davide, vinanto' i mpanjakay, i mañaoñe o fandilia'o iabio
naho iasiañe añ'anjomba'o ao? 15 Androany hao ty nañontaneako aman'Añahare ho
aze? mitotse ahy zay; ehe te tsy asarà' i mpanjakay ndra inoñ' inoñe amy mpitoro'ey
naho aman' anjomban-droaeko; fa ke maro he tsy ampe tsy apota' o mpitoro'oo o
raha zao. 16 Le hoe i mpanjakay: Tsy mete tsy havetrake rehe Akimeleke rekets' o

‡ **21:11** Akise: boseke * **22:1** Adolame: taro'e; tsindro'e, rava'e † **22:5** Gade: mpirai-lian-dahin-defoñe
‡ **22:5** Kerete: ala mikitike § **22:9** Doege: mpihakahaka

anjomban-drae’o iabio. 17 Le hoe i mpanjakay amo mpigaritse nijohanjohañe ama’e
eo iabio; Mitoliha, fonga zamano o mpisoro’ Iehovào; amy te mpiamy Davide ka ty
fità’ iareo naho napota’ iareo t’ie nibioñe fa tsy naboa’ iareo amako. Fe tsy nimete
nañity fitàñe hiambotrake amo mpisoro’ Iehovào o mpitoro’ i mpanjakaio. 18 Le
hoe i mpanjakay amy Doege: Mitoliha, ambotraho o mpisoroñeo. Aa le nitolike t’i
Doege nte Edome, niambotrak’ amo mpisoroñeo vaho zinama’e amy àndroy t’indaty
valompolo-lim’ amby mpisikiñe i kitambe lèniy. 19 Le fonga binaibai’e an-dela-pibara
ty Nobe, i rova’ i mpisoroñe reiy, lahilahy naho ampela, ajaja naho anak’ ajaja
minono, añombe naho borìke vaho añondry an-dela-pibara.

20 Nipoliotse añe ty raik’ amo ana’ i Akimelek’ ana’ i Ahitobeo, Abiatare ty tahina’e,
nitriban-day mb’amy Davide mb’eo. 21 Natalili’ i Abiatare[*] amy Davide te zinama’ i
Saole o mpisoro’ Iehovào. 22 Le hoe t’i Davide amy Abiatare, Napotako amy andro zay,
kanao tao t’i Doege nte Edome le tsy mete tsy hitalily amy Saole; zaho ty nahavilasy
o hene ondatin’ anjomban-drae’oo. 23 Mimoneña amako, le ko hembañe fa i mipay
ty fiaikoy ro mipay ty azo ka; le am-pitsolohan-drehe te amako.

## 23

1 Natalily amy Davide ty hoe: Inao te maname i Keilà[*] o nte-Pilistio, vaho tavane’
iareo o toe-pifofohañeo. 2 Aa le nañontane am’ Iehovà t’i Davide, ami’ ty hoe:
Homb’eo hao raho, handafa o nte-Pilistio? Aa hoe t’Iehovà amy Davide, Akia
lafao o nte-Pilistio vaho rombaho t’i Keilà. 3 Fe hoe o mpiamy Davideo ama’e,
Toe mahahembañ’ anay ty e Iehodà atoa, antsake t’ie mb’e Keilà naho mb’ amo
lahindefon-te-Pilistio. 4 Aa le nañontane Iehovà indraike t’i Davide, le hoe t’Iehovà
ama’e, Miongaha, mizotsoa mb’e Keilà mb’eo vaho hatoloko am-pità’o o nte-Pilistio.
5 Aa le nimb’e Keilà mb’eo t’i Davide rekets’ o mpiama’eo, naho nialy amo nte-
Pilistio vaho tinava’ iareo o añombe’ iareo iabio; linafa am-pizamanañe jabajaba.
Toe rinomba’ i Davide o mpimone’ i Keilào. 6 Ie nipoliotse mb’ amy Davide mb’e
Keilà mb’eo t’i Abiatare ana’ i Akimeleke, le nizotso reketse kitambe am-pità’e.

7 Natalily amy Saole te nimb’e Keilà t’i Davide, le hoe t’i Saole: Fa natolon’ Añahare
an-tañako; ie migabeñe an-drova aman-dalam-bey naho sikadañe ao. 8 Songa
natonto’ i Saole hihotakotake ondatio, hizotso mb’e Keilà mb’eo hiarikatoke i Davide
naho ondati’eo. 9 Napota’ i Davide te nikinia raty aze t’i Saole le hoe re amy Abiatare
mpisoroñe: Endeso atoy i kitambey. 10 Le hoe t’i Davide: Ry Iehovà Andrianañahare’
Israele, Toe jinanji’ i mpitoro’oy te mipay ho mb’e Keilà mb’atoa t’i Saole, handrotsake
ty rova toy ty amako. 11 Hatolo’ ondati’ i Keilào am-pità’e hao raho? Hizotso mb’etoa
hao t’i Saole ty amy tsinanokoy? Ry Iehovà Andrianañahare’ Israele, miambane
ama’o, atalilio amo mpitoro’oo. Le hoe t’Iehovà: Hizotso re. 12 Le hoe t’i Davide:
Hatolo’ ondati’ i Keilào am-pità’ i Saole hao raho? Le hoe t’Iehovà, Hatolo’ iareo.
13 Aa le nibioñe mb’ amy ze nimete añe t’i Davide naho ondati’eo, ie ni-enen-jato
varàñe. Natalily amy Saole te nienga i Keilà t’i Davide, le nado’e ty lia’e mb’eo.

14 Nimoneñe am-patrambey añe am-pipaliriañe ao t’i Davide, le nitambatse am-
bohibohim-patrambei’ i Zife[†] añe. Nitsoek’ aze boak’ andro boak’ andro t’i Saole f’ie
tsy natolon’ Añahare am-pità’e. 15 Nioni’ i Davide te niavotse mb’eo hipay ty fiai’e
t’i Saole; ie am-patrambei’ i Zife amy alay t’i Davide. 16 Niavotse amy zao t’Ionatane
ana’ i Saole vaho nimb’ amy Davide amy alay ao; le nampahaozare’e ty fità’e aman’
Añahare; 17 ie nisaontsie’e ty hoe: Ko hemban-drehe; fa tsy ho oni-pità’ i Saole raeko;
le ihe ty ho mpifehe Israele vaho ho mpiama’o raho; toe fohi’ i Saole raeko. 18 Aa le

[*] **22:21** Abiatare: rae fanjaka; rae’ o sehanaga’eo [*] **23:1** Keilà; manampake, manjara; aman-kijoly [†] **23:14** Zife: ty vava tia; fandañirañe

nifañina añatrefa’ IEHOVÀ eo iereo roe; nimoneñe añ’ ala ao t’i Davide, vaho nimpoly
mb’ an-kiboho’e añe t’Ionatane.
19 Niheo mb’amy Saole e Gibà mb’eo o nte-Zifeo nanao ty hoe: Tsy mietak’ ama’ay,
amo fipalirañe amy alaio hao t’i Davide? an-kaboa’ i Kakilà‡ atimo’ Iesimone§
ao? 20 Aa le mizotsoa mb’eo ry mpanjaka, mizotsoa an-kapean-tsatrin’ arofo’o, le
hatolo’ay am-pità’ i mpanjakay. 21 Le hoe t’i Saole; Ho tahie’ IEHOVÀ, ami’ty fitretreza’
areo ahy. 22 Akia arè, venteo le arendreho indraike, vaho oniño i toem-pipalira’ey;
fa inao, toe mpamañahy re. 23 Aa le arendreho naho fohìno o toem-pipalira’eo,
le mibaliha mb’amako mb’etoa reketse i niventeñey vaho hindrezako; ie amy zay,
kanao an-tane ao re, le ho kodebèko amo arivo’ Iehodao. 24 Aa le niavotse iereo niaolo
i Saole mb’e Zife mb’eo; fe tan-dratraratra’ i Maone* añe t’i Davide naho ondati’eo,
añ’Arabà atimo’ Iesimone ao. 25 Nimb’eo t’i Saole rekets’ o mpiama’eo hitsoek’
aze. Nitalilieñe t’i Davide; aa le nizotso mb’an-damilamy mb’eo re niambesatse
an-dratraratra’ i Maone ao. Ie jinanji’ i Saole zay le nihoridàñe’e t’i Davide an-
dratraratra’ i Maone añe. 26 Añ’ ila’ i vohitsey atoy t’i Saole le añ’ ila’e aroa t’i Davide
naho o mpiama’eo; nalisa nienga ty fiatrefa’ i Saole t’i Davide, fa hiarikoboñe i Davide
naho ondati’eo t’i Saole naho ondati’eo hitsepak’ aze. 27 Fe nivotrak’ amy Saole ty
mpihitrike, nanao ty hoe: Masikà, mihavia, fa mitavañe ty tanen-tika o nte-Pilistio.
28 Aa le nimpoly t’i Saole tsy nañoridañe i Davide fa nionjomb’ amo nte-Pilistio mb’eo;
aa le natao Sela-Kamalekote† i toetsey.

# 24

1 Nionjoñe boak’ ao t’i Davide vaho nimoneñe an-kijoli’ i En-gedy* ao. 2 Aa ie
nimpoly amy nañorihañe o nte-Pilistioy t’i Saole le natalily aze ty hoe: Inao! am-
patrambey En-Gedy añe t’i Davide. 3 Rinambe’ i Saole amy zao t’indaty telo arivo
jinoboñe amy Israele, hipay i Davide am-batovatoe’ o ose-lìo. 4 Nivotrak’ an-dian’
añondry ao re le teo ty lakato añolon-dalañe ey, nizilik’ ao t’i Saole hanaroñe o
fandia’eo ie am-po’ ao t’i Davide naho o mpiama’eo. 5 Le hoe o mpiamy Davideo
ama’e: Intoy ty andro nafè’ IEHOVÀ ama’o ty hoe: Inao! hatoloko am-pità’o i
rafelahi’oy, hanoe’o ama’e ze satrie’o. Aa le niongake t’i Davide le tinampa’e am-
pianjiñañe ty riran-tsarimbo’e. 6 Ie amy zao, namofoke i Davide ty arofo’e ty amy
nanampaha’e i riran-tsarimbo’ i Saoleiy. 7 Le hoe re amo mpiama’eo: Sondo’e
am’IEHOVÀ, te hanoeko amy talèkoy o raha zao, amy najado’ IEHOVÀy, t’ie hañity
tañañe amy noriza’ IEHOVÀy. 8 Aa le sineba’ i Davide amy entañe zay ondati’eo, tsy
nenga’e hiambotrak’ amy Saole. Niavotse amy lakatoy amy zao t’i Saole nimb’ amy
lia’ey mb’eo. 9 Añe zay, le niongake ka t’i Davide niakatse i lakatoy naho nikoihe’e
amy Saole ty hoe: Ry talèko mpanjaka. Ie nitolike t’i Saole hioniñe mañamboho, le
nababo’ i Davide mb’an-tane ty lahara’e vaho nidrakadrakake.
10 Le hoe t’i Davide amy Saole: Aa vaho akore te haoñe’o o enta’ ondatio manao ty
hoe: Inao! mipay hijoy azo t’i Davide? 11 Heheke! isam-pihaino’o henaneke te natolo’
IEHOVÀ an-tañako amy lakatoy rehe anindroany; eo ty nañosik’ ahy hañoho-doza
ama’o, f’ie niferenaiña’ o masokoo vaho hoe raho: Tsy hahitiko mb’ amy talèkoy
ty tañako; amy t’ie noriza’ IEHOVÀ. 12 Tovo’e ry aba, hehe ty riran-tsarimbo’o an-
tañako toy; amy nanampahako o sarimbo’ooy, fe tsy vinonoko; arendreho naho
mahaoniña te tsy an-karatiañe ndra fiolàñe o tañakoo vaho tsy nandilatse ama’o
ndra te voñone’o ty fiaiko hitavañe aze. 13 IEHOVÀ ty hizaka añivo’o naho zaho, le

‡ **23:19** kakilà: ama’e ao ty fitamako § **23:19** Iesimone: bañgiñe; mangoakoake * **23:24** Maone: anjomba: toen-kakeo † **23:28** Sela-Kamalekote: Vato fisarahañe * **24:1** En-gedy: rano totsake, a i osey, fale

IEHOVÀ ty hamale fate ahy ama'o; fa tsy ho ama'o ka ty tañako. 14 Fa hoe ty razan-
tsaontsi' o taoloo: Boak' amo lo-tserekeo ty iboaha' ty halò-tserehañe; fe tsy ho ama'o
ty tañako. 15 Hañoridañ' ia ty niakara' i mpanjaka' Israeley? ty amboa mate, he ty
pia. 16 IEHOVÀ arè ty hizaka, hinday tsara añivoko naho ihe, hivazoho, hitaroñe ahy,
hamotsora'e am-pità'o.
17 Ie amy zao, naho fa nagado' i Davide i lañona'e amy Saoley, le hoe t'i Saole:
Feo'o hao zao ry anako Davide? Nipoña-peo amy zao t'i Saole, nirovetse. 18 Le hoe
re amy Davide: Vantañe te amako rehe; soa ty nanoa'o ahy vaho raty ty nanoako
azo; 19 vaho nitalilie'o anindroany ty nanoa'o ahy, te natolo' IEHOVÀ am-pità'o, le tsy
zinevo'o. 20 Aa naho tendrek' am' ondaty i rafelahi'ey, henga'e hienga hao? Ee t'ie ho
tambeza' IEHOVÀ amy hasoa nanoe'o amako anindroaniy. 21 Aa inao, apotako t'ie ho
mpanjaka, vaho hajadoñe am-pità'o ty fifeheañe Israele. 22 Mifañinà amako arè, amy
IEHOVÀ, te tsy haitoa'o o tiriko manonjohy ahio vaho tsy ho mongore'o añ'anjomban-
draeko ty añarako. 23 Le nifanta amy Saole t'i Davide vaho nimpoly t'i Saole; fe
nionjomb' amy fipalirañe fatratsey t'i Davide naho ondati'eo.

# 25

1 Nihomake t'i Samoele; le hene nifanontoñe ama'e t'Israele nandala aze vaho
nalenteke an-kiboho'e e Ramà ao. Niongak' amy zao t'i Davide nizotso mb'am-
patrambei' i Parane* mb'eo.
2 Teo t'indaty e Moane† ao, e Karmele‡ añe ty vara'e; mpañaleale indatiy; telo arivo
ty añondri'e naho arivo ty ose'e; ie nañitsike o añondri'eo e Karmele añe henane
zay. 3 I Nabale§ ty tahina' indatiy naho Abigàle* ty tahinan-tañanjomba'e. Nahilala
naho soa vintañe i rakembay, fe nigañe indatiy, lo-tsereke iaby ze sata'e; tarira' i
Kalibò†. 4 Jinanji' i Davide am-patrambey añe te nañitsike o añondri'eo t'i Nabale,
5 le nampihitrik' ajalahy folo mb'eo t'i Davide, naho hoe ty namantoha' i Davide i
ajalahy rey: Mionjona mb'e Karmele mb' amy Nabale mb'eo vaho añontaneo ami'ty
añarako. 6 Le isaontsio ty hoe, Mahaveloñe, fañanintsiñe ama'o, fierañerañañe
ami'ty anjomba'o naho himoneñe soa iaby o vara'oo. 7 Tsinanoko aniany t'ie
mañitsike‡. Tama'ay o mpiara'oo le tsy jinoi'ay, Leo raha raike tsy nipitsok' am'
iereo amo hene andro naha te Karmele ao anay. 8 Añontaneo o mpitoro'oo hitaliliy
azo, Aa ehe te hahaoniñ' ìsok' am-pihaino'o o ajalahi'oo, kanao pok'eo añ'andro
soa; ehe anoloro o mpitoro'oo naho amy Davide ana'oy ze miheo am-pità'o. 9 Aa ie
nivotrak' eo i mpitoro' i Davide rey, le linaño' iareo amy Nabale i entañe zay ami' ty
tahina' i Davide, ie nagado' iareo 10 le hoe ty natoi' i Nabale amo mpitoro' i Davideo,
Ia ze o Davide zao? Ia ze o ana' Iisay zao? Tsiefa ty mpitoroñe mipitsok' amo talè'eo
henaneo, 11 aa vaho hangalàko hao o mofokoo, o ranokoo naho i hena vinonoko ho
amo pañitsikooy vaho hatoloko ama' ondaty tsy fohiñe te hirik' aia?
12 Aa le nitolike o ajalahi' i Davideo, nimpoly vaho nitalilia'e iaby i saontsi'ey.
13 Le hoe t'i Davide am' ondati'eo: Songa mampidiàña fibara; nampidiañe fibara
ka t'i Davide; le va'e ondaty efa-jato ty nionjoñe mb'eo ampañorihañe i Davide vaho
nidok' amo vara'eo ty roan-jato. 14 Ie amy zao, nitaroñ' amy Abigale, tañanjomba' i
Nabale, ty ajalahy, ty hoe: Inao, nampihitrike boak' am-patrambey añe hañontàne
amy talè'aiy t'i Davide; f'ie nitabohazake an-keloke. 15 Toe nañasoa anay ondatio, tsy
nijoie'e vaho ndra kede tsy nipok' ama'ay sikal' amy niharoa'ay am' iareoy; izahay
tan-kivok' ao, 16 le iereo ty nikijoli'ay handro an-kaleñe amo hene andro nitraofa'ay,
izahay niarak' o añondrio. 17 Aa le mahaoniña naho tsakoreo ty hanoe'o; fa hankàñe

* 25:1 Parane: Fanintsiña' o lakatoo † 25:2 Moane: anjomba; toen-kakeo ‡ 25:2 Karmele; añondri-vosy;
tata voririke § 25:3 Nabale: dagola; tsy mañaoñe * 25:3 Abigale: hafalean-drae'e † 25:3 Kalibò: amboa,
koake; haroñe ‡ 25:7 Mañitsik' añondry

ty ho toly aman-talè’ay naho añ’anjomba’e, amy t’ie ana’ i Beliale§ vaho leo raike tsy
mahafisaontsy ama’e.

18 Nihepakepak’ amy zao ty Abigale, nandrambe mofo roan-jato naho zonjon-divay
roe, naho ty henan’ añondry lime hinalankañe, naho famaran-tonon-tsako lime naho
angarozam-baloboke maike zato naho garatòn-tsakoa maike roan-jato vaho najò’e
am-borìke’e. 19 Le hoe re amo ajalahi’eo: Akia, miaoloa mb’eo, le horiheko, f’ie
tsy nitalily amy Nabale vali’e. 20 Ie amy zao niningi-borìke, nizotso mb’an-kalo’ i
vohitsey mb’eo le ingo t’i Davide naho o mpiama’eo nifanojo ama’e le nigaoña’e.
21 Ie vaho nanao ty hoe t’i Davide: Toe tsy vente’e ty nañambenako o fonga vara’
indatiy am-patrambey atoio, ie ndra raik’ amo fanaña’eo tsy nipoke, le hehe te raty
ty navale’e ahy ty amy soay. 22 Aa ehe te hanoen’ Añahare amo rafelahi’ i Davideo
naho mandikoatse zay naho eo ty hadoko amo azeo ampara’ te porea’ ty maraindray
ze mamany an-kijoly iaby. 23 Tendrek’ amy Davide amy zao t’i Abigale, le nizotso
amy borìkey naho nibabok’ aolo’ i Davide an-dahara’e vaho nidrakadrakak’ an-tane,
24 nikorovok’ am-pandia’e nanao ty hoe: Anò amako talèko, ehe te ho amako o
tahiñe zao, le ehe t’ie henga’o hivolañe añatrefa’o etoa; hijanjiña’o ty fivolan’ anak’
ampata’o. 25 Ehe tsy ho haoñen-talèko i tsi-jefa’e atao Nabale tia; fa i tahina’ey ro ie;
hadagolàñe ty ama’e; fa naho izaho mpitoro’o ampela, tsy nitreako o mpitoron-talèko
nampañitrife’oo. 26 Ie amy zao ry talèko kanao veloñe t’Iehovà naho veloñe ka ty
arofo’o, oniñe te nisebañe azo t’Iehovà tsy homb’ etoa hampiori-dio, naho tsy hamale
fate am-pità’o, le ee te hanahake i Nabale o rafelahi’oo vaho ze hipay hañoho-doza
amy talèkoy. 27 Ingo ka ry talèko ty ravoravo nandese’ i mpitoroñ’ ampela’oy amy
talèkoy; atoloro amo mpitoroñe mpiamy talèkoo. 28 Miambane ama’o ehe apoho ty
fiolà’ o mpitoroñ’ ampela’oo, fa toe hanoe’ Iehovà anjomba fatratse ty talèko amy te
mpifanehak’ an-kotakotake ho a Iehovà i talèkoy, vaho mboe tsy nioniñe ama’o amo
hene’ andro’oo ty hatsivokarañe. 29 Aa ndra te niongake hañoridañe azo t’indaty
hipay ty fiai’o, le ho rohizañe am-pandroñan-kavelo’ Iehovà Andrianañahare’o ao
ty fiai’o vaho hihiririñe mb’eo ty fiai’ o rafelahi’oo manahake t’ie boak’ an-korom-
piletse. 30 Ie amy zao, naho fa nanoe’ Iehovà iaby ty hasoa nitsarae’e ty ama’o vaho fa
noriza’e ho mpifelek’ Israele; 31 le ehe tsy ho boloko hampitsikapy azo o raha zao, tsy
ho sirika añ’ arofon-talèko ao, t’ie nampiorike lio tsy aman-tali’e, ke hamale fate am-
bata’e ty talèko; aa naho fa nañasoa i talèkoy t’Iehovà, le tiahio o anak’ ampata’oo.

32 Le hoe t’i Davide amy Abigale: Andriañeñe t’Iehovà Andrianañahare’ Israele;
amy t’ie nirahe’e hifanalaka amako anindroany; 33 rengèñe ka ty faharendreha’o,
naho rengèn-drehe nitañ’ ahy tsy homb’eo hampiori-dio ndra hamale fate an-tañako.
34 Fa ho nivata’e to, kanao veloñe t’Iehovà Andrianañahare’ Israele nanebañe ahy
tsy hijoy azo, ami’ty falisa’o nifanalaka amako, te leo raik’ amo mpamany an-kijolio
tsy ho nengañe amy Nabale ampara’ te porea’ ty handro. 35 Aa le rinambe’ i Davide
am-pità’e o nandese’e ama’eo, le hoe re ama’e. Mimpolia am-panintsiñañe mb’añ’
anjomba’o mb’eo; ingo fa hinaoko o feo’oo vaho ninòko ty fiatrefa’o.

36 Nomb’ amy Nabale amy zao t’i Abigale; le hehe t’ie nanao sabadidake
añ’anjomba’e ao; manahake ty sabadidam-panjaka; le nifale añ’ arofo’e t’i Nabale,
amy t’ie nijike; aa le tsy nitalilia’e, ndra kede ndra maro am-para’ te porea’ ty
maraindray. 37 Ie maraidraiñe, naho fa nijeañe amy Nabale i divaiy, te natalili’ i vali’e
ama’e i raha rezay vaho nihomak’ am-po’e ao ty arofo’e, nijirigañe hoe vato. 38 Ie
modo ty folo andro varàñe le linafa’ Iehovà t’i Nabale vaho nikoromake. 39 Aa naho
jinanji’ i Davide te nibanitse t’i Nabale, le hoe re; Andriañeñe t’Iehovà, ie nañato ty
ahy amy fañinjeañe am-pità’ i Nabaley, naho nitana’e tsy hanao raty ty mpitoro’e;

§ **25:17** Beliale: Kokolampa raza’e, Satana

vaho nafote' IEHOVÀ ami'ty añambone' i Nabale o hatsivokara'eo, le nampañitrike saontsy amy Abigale t'i Davide t'ie hengae'e ho tañanjomba'e. 40 Aa ie nivotrak' amy
Abigale e Karmele ao o mpitoro' i Davideo, le nisaontsie'e ty hoe: Nirahe' i Davide
ama'o zahay, handrorotse azo ho vali'e. 41 Niongak' amy zao re, vaho naondre'e
mb' an-tane ty lahara'e nanao ty hoe: Oniño te mpitoroñe hanasa o fandiam-pitoro'
i talèkoio o anak' ampata'eo. 42 Nihepakepak' amy zao t'i Abigale naho niavotse le
nijom-borìke reketse ty somondrara lime ho mpiama'e; le norihe'e o ira' i Davideo
vaho nanoeñe tañanjomba'e. 43 Nengae' i Davide ka t'i Akinoame nte-Iezreele, le
nivalie'e iereo roe. 44 Fa natolo' i Saole amy Faltý ana' i Laise nte Galime i Mikale
anak' ampela'e, vali' i Davidey.

# 26

1 Niheo amy Saole e Gibà mb'eo o nte Zifeo nanao ty hoe: Tsy mietak' an-kaboa' i
Kakilà* aolo' Iesimone ao hao t'i Davide? 2 Aa le niavotse mb' am-patrambei' i Zife
mb'eo t'i Saole, reketse ty ana' Israele telo-arivo jinoboñe, hikodebe i Davide am-
patrambei' i Zife ao. 3 Nitobe an-kaboa' i Kakilà aolo' i fatrambeiy añ' olon-dalañe
eo t'i Saole. Nipalitse am-patrambey ao t'i Davide vaho nirendre'e te nañoridañe aze
mb'am-patrambey mb'eo t'i Saole. 4 Aa le nañirake mpitingañe t'i Davide hamente
te toe nivotrak' ao t'i Saole. 5 Niongake le nimb' amy toetse nitobea' i Saole mb'eoy t'i
Davide vaho nioni' i Davide ty nandrea' i Saole naho i Abnere ana' i Nere, mpifehe' i
valobohòkey, te nàndre am-piarikatohañe ao t'i Saole ie nitobe añariary aze ondatio.
6 Le hoe t'i Davide amy Akimeleke, nte-Kete naho amy Abisay†, ana' i Tseroià‡,
rahalahi' Ioabe, Ia ty hindre amako hizotso mb' amy Saole an-tobe mb'eo? Le hoe
t'i Abisay, Hindrezako. 7 Aa le niheo mb' am' ondatio mb'eo haleñe t'i Davide naho
i Abisay, le ingo t'i Saole mandre, mirotse añivo' i toetsey eo, i lefo'ey nitsatok' an-
tane marine' i añambone'ey vaho nandre niarikoboñe aze t'i Abnere naho ondaty
iabio. 8 Le hoe t'i Abisay amy Davide: Toe natolon' Añahare am-pità'o androany i
rafelahi'oy; aa ehe, angao hataoko tombok' avots' an-defon-dre an-tane eo, vaho tsy
hindroeko. 9 Fa hoe t'i Davide amy Abisay: Ko joie'o; ia ty hañonjo haok' amy noriza'
IEHOVÀy t'ie tsy hanañ' kakeo? 10 Le hoe t'i Davide; Kanao veloñe t'IEHOVÀ, Aiy! ke
ho lafa' IEHOVÀ, he ho avy ty androm-pihomaha'e, he t'ie hizotso an-kotakotake ao
hihomake. 11 Sondo'e am' IEHOVÀ te zaho ro hañiti-tañañe amy noriza' IEHOVÀy; fe
ehe rambeso i lefoñe añ'ambone'ey naho i zonjon-drano'ey le hienga tika. 12 Aa le
nendese' i Davide i lefoñe naho zonjoñe añambone' i Saoley eo le nienga, leo raik'
am'ondatio tsy nahaisake, tsy nahafohiñe vaho tsy nitsekake, songa nirotse amy t'e
nampilañahe' IEHOVÀ.
13 Aa le nitsake mb'añ'ila'e ey hoeke ey t'i Davide, le nijohañe an-kaboañe eñe;
heba'e jabajaba ty añivo' iereo. 14 Le nikoik' am'ondatio naho amy Abnere ana' i
Nere t'i Davide, ami'ty hoe: Tsy manoiñe v'iheo, Abnere? Le hoe ty natoi' i Abnere:
Ia-mbao o mikoik' amy mpanjakaio? 15 Le hoe t'i Davide amy Abnere: Tsy lahitsiay
v'iheo? ia ty mañirinkiriñe azo e Israele ao? Aa vaho akore t'ie tsy nahafañambeñe i
talè'o mpanjakay? Kanao nimb'eo t'indaty hanjevoñe i talè'o mpanjakay. 16 Tsy soa
o nanoe'oo. Kanao veloñe t'IEHOVÀ mañeva harotsake rehe, amy te tsy nahafigaritse
ty talè'o noriza' IEHOVÀ. Henteo arè: Aia ty lefo' i mpanjakay, naho i zonjon-drano
tam-pikala'ey? 17 Napota' i Saole ty fiarañanaña' i Davide, le hoe re: Feo'o hao zao
ry anako Davide? Le hoe t'i Davide: Feoko 'nio, ry talèko mpanjaka. 18 Le hoe re:
Ino ty hañoridaña' i talèkoy i mpitoro'ey? Ino o nanoekoo? Ino ty hakeo an-tañako
ao? 19 Aa le miambane ama'o raho, ehe te hijanjiñe o vola' i mpitoro'eio ty talè

* 26:1 Kakilà: ama'e ty fitamako † 26:6 Abisay: raen-dravoravo ‡ 26:6 Tseroià: fanaintaiña' IEHOVÀ

mpanjakako. Naho IEHOVÀ ty nitrobo azo amako le ehe te ho no'e t'ie hisoroñañe; fe
naho o ana' ondatio le fàtse añatrefa' IEHOVÀ iereo; ie nanao soik' ahy henaneo tsy
hifaharako amy lova' IEHOVÀy ami'ty hoe: Akia, mitoroña 'ndrahare ila'e. 20 Aa le ko
ampiorihe'o an-tane añatrefa' IEHOVÀ ty lioko; fa toe nimb' etoa ty mpanjaka' Israele
hikodebe ty pia, manahake ty fikeheañe kibo am-bohitse ey.
21 Aa le hoe t'i Saole: Toe nandilatse raho; mimpolia rehe Davide, anako, fa tsy ho
robaheko ka; amy te nisarotse am-pahaoniña'o ty fiaiko anindroany; ingo t'ie nanao
sare-gege, le loho nandilatse. 22 Aa hoe ty natoi' i Davide: Ingo ty lefo' i mpanjakay!
ampañitrifo aze atoy ty ajalahy. 23 Toe songa ho valea' IEHOVÀ ondatio ami'ty
havañona'e, naho ami'ty figahiña'e; fa natolo' IEHOVÀ an-tañako rehe anindroany,
le nifoneñako tsy hañity tañañe hijoy ty noriza' IEHOVÀ. 24 Aa kanao nonjoneñe
ami'ty masoko ty fiai'o anindroany le ehe te honjoneñe am-pihaino' IEHOVÀ ka ty
aiko hamotsora'e ahy amy ze fangovitañe iaby. 25 Le hoe t'i Saole amy Davide: Ho
tahie'e rehe Davide anako; toe hitoloñe an-kaozaran-drehe vaho handreketse. Aa le
nienga t'i Davide naho nimpoly añ'akiba'e añe t'i Saole.

# 27

1 Aa hoe ty fitsakorean-tro' i Davide: Indraik' andro ke ho faopaohem-pità' i Saole
raho; aa ino ty hahasoa ahy mandikoatse te hibioñe mb'an-tane' o nte-Pilistio mb'eo;
toe hafoe' i Saole raho tsy hipay ahy an-tane Israele ao ka; aa le ho poliorako o fità'eo.
2 Niavotse amy zao t'i Davide nitsake mb'eo rekets' i lahilahy enenjato mpiama'e rey;
mb' amy Akise, ana' i Maòke, mpanjaka' i Gate mb'eo. 3 Aa le nindre nimoneñe
amy Akise e Gate ao t'i Davide, ie naho ondati'eo, songa an-kasavereña'e naho i
Davide rekets' i vali'e roe rey, i Akinoame nte-Iezreele, vaho i Abigale nte Karmele,
nivali' i Nabaley. 4 Ie natalily amy Saole te nivoratsake mb'e Gate añe t'i Davide; le
tsy nipaia'e ka. 5 Le hoe t'i Davide amy Akise: Aa naho nahatrea fañisohañe am-
pihaino'o raho, le anoloro toetse raik' amo rova an-kalokeo; fa ino ty himoneña' ty
mpitoro'o an-drovam-panjaka mindre ama'o atoa? 6 Natolo' i Akise aze ty Tsiklage*
amy andro zay; aa le atao hanañam-panjaka' Iehodao pak' androany ty Tsiklage. 7 Le
ty hamaro' ty andro nimoneña' i Davide an-tane' o nte-Pilistio: taoñe raike-tsi-efa-
bolañe.
8 Nionjoñe mb'eo amy zao t'i Davide rekets' o mpiama'eo, naname o nte-Gesorio†
naho o nte-Gizrio‡ vaho o nte-Amalekeo, amy t'ie nimoneñe an-tane haehae, amy
fañaveloa'o boak'e Sore pak'an-tane Mitsraimey. 9 Zinevo' i Davide i taney, le tsy
napo'e ho veloñe ndra lahilahy ndra ampela, naho tinava'e iaby o añondrio naho o
añombeo naho o borìkeo naho o ramevao vaho o saroñeo. Le nimpoly mb'e Akise
mb'eo. 10 Le hoe t'i Akise: Aia ty nañatsafa'o lalañe anindroany? Le hoe t'i Davide:
Añ'ila' Iehodà atimo añe, naho atimo' o nte-Ierakmileo§ mb' atimo' o nte-Kenio.
11 Ndra lahilahy ndra ampela tsy nado' i Davide ho veloñe hera hitaroñeñe amy
Gate ty hoe: Zao ty nanoe' i Davide. Ie ty nanoe'e amo hene andro naha-tan-tane' o
nte-Pilistio azeo. 12 Niantok' i Davide t'i Akise, ie nanao ty hoe: Toe nampitrotrotse
vatan-dre am'ondati'e Israeleo; aa le ho mpitoroko nainai'e.

# 28

1 Ie amy andro zay; nifanontoñe hifañotakotak' añ' aly am'Israele o lahin-defon-
te-Pilistio; le hoe t'i Akise amy Davide, Mahafohina an-katò t'ie ro hindre amako
mb'an-kotakotake rekets' ondati'oo. 2 Le hoe t'i Davide amy Akise, Toe ho isa'o ty

---

* **27:6** Tsiklage: fañaranañe hinotsokotsoke † **27:8** Gesory: fitalakesañe; vavatane mifahetse ‡ **27:8** Gizry: manjara § **27:10** Ierakmile: fitretrezan' Añahare, fikokoa'e

hanoe’ o mpitoro’oo. Le hoe t’i Akise amy Davide: Aa le ihe ho mpañambeñe ty
lohako nainai’e.
3 Ie amy zao fa nivilasy t’i Samoele le hene nandala aze t’Israele naho nalente’ iareo
e Ramà an-drova’e ao.
Toe fa natao’ i Saole soike amy taney ze jiny naho mpandrombo. 4 Aa le nifanontoñe
naho nimb’e Soneme[*] mb’eo o nte-Pilistio naho nitobe eo; fonga natonto’ i Saole ka
t’Israele vaho nitobe e Gilboa[†] ao. 5 Aa ie nioni’ i Saole ty hatsifotofoto’ o nte-Pilistio,
le nihembañe vaho nangebahebake añ’ arofo. 6 Nañontanea’ i Saole t’IEHOVÀ, fe tsy
nanoiñe aze t’IEHOVÀ, ndra ami’ty nofy ndra ami’ty [‡]Orime ndra am-pitoky. 7 Aa le
hoe t’i Saole amo mpitoro’eo: Ipaiao rakemba jiny hombàko hañontaneako. Le hoe
o mpitoro’eo ama’e: Inao, te Endore ao ty rakemba jiny[§]. 8 Aa le nañova vintañe
t’i Saole naho nañova saroñe naho nindre lia ami’ty lahilahy roe vaho nivotrak’
amy rakembay haleñe; le hoe re, ehe miambane ama’o mizekèa ho ahy naho tro-
bòho hiakara’ i ho toñoneko tahinañe ama’oy. 9 Le hoe i rakembay ama’e, Inao, toe
fohi’o i nanoe’ i Saoley, te niroahe’e an-tane atoy o jinio naho o doanio; aa le ino
ty andamaha’o fandrik’ ami’ty fiaiko, hampikenkañe ahy? 10 Aa le nifanta ama’e t’i
Saole amy IEHOVÀ ami’ty hoe: Kanao veloñe t’IEHOVÀ, tsy hanan-kakeo rehe amo raha
zao. 11 Le hoe i rakembay: Ia ty hakareko? Le hoe re: ampionjono t’i Samoele.
12 Aa ie nahaoniñe i Samoele i rakembay le nikoaik’ am-peo mafe; le hoe i rakembay
amy Saole, Ino ty namañahia’o ahy? Toe ihe o Saoleo! 13 le hoe i mpanjakay
ama’e, Ko hemban-drehe. Ino o oni’oo? Le hoe i rakembay amy Saole, nahatrea
zañahare mionjoñe boak’ an-tane ao. 14 Le hoe re, Manao akore ty vinta’e? Le hoe
re: Mb’etoa t’indaty bey mikolopoke sarimbo. Le nifohi’ i Saole t’ie i Samoele vaho
nidrakadrakak’ an-tane niambane ama’e. 15 Le hoe t’i Samoele amy Saole, Ino ty
nitsoborea’o ahy hampionjona’o? Le hoe t’i Saole, Am-poheke raho; mialy amako o
nte-Pilistio fe nienga ahy t’i Andrianañahare, tsy manoiñe ahy ka ndra am-pitoky
ndra ama’ nofy; aa le nikoiheko rehe hampahafohiñ’ ahy ty hanoeko. 16 Aa le hoe
t’i Samoele, ino arè ty hañontanea’o ahy kanao namorintseñ’ azo t’IEHOVÀ vaho fa
rafelahi’o re henaneo? 17 Fa toe nanoe’ IEHOVÀ i nitsarae’e amakoy! Toe tinava’
IEHOVÀ ama’o ty fifehea’o vaho fa natolo’e an-drañe’o Davide; 18 amy te tsy nihaoñe’o
ty fiarañanaña’ IEHOVÀ, tsy nihenefe’o amy Amaleke ty haviñera’e miforoforo; toly
ndra nampifetsaha’ IEHOVÀ o raha zao anindroany. 19 Aa le hatolo’ IEHOVÀ am-pità’ o
nte-Pilistio t’Israele naho ihe ka, le hitraok’ amako rehe naho o ana-dahi’oo te maray;
vaho hasese’ IEHOVÀ am-pità’ o nte-Pilistio i tobe’ Israeley.
20 Nilàntsiñe an-tane eo ami’ty hajoalan-tsandri’e t’i Saole fa nirevendreveñe, ty
amy enta’ i Samoeley; ie tsy aman-kaozarañe, fa tsy nikama mofo amy àndroy
ndra amy haleñe iabiy. 21 Aa le nañarine amy Saole i rakembay vaho nioni’e te
nangebahebake ty fiai’e, le hoe re ama’e: Inay! hinao’ o mpitoroñ’ ampela’oo ty
fiarañanaña’o, naho napoko an-tañako ty fiaiko le nihaoñeko o saontsy nanoe’o
amakoo; 22 aa ehe te ho haoñe’o ka ty feo’ o anak’ ampata’oo, le angao hanjotsoako
mofo minjilite’e; vaho mikamà hihaozara’o, hañaveloa’o mb’ am-pomba’o mb’eo.
23 F’ie nifoneñe, ami’ty hoe: Tsy hihinan-draho. Aa le sambe nandrisik’ aze o
mpitoro’eo rekets’ i rakembay vaho hinao’e o fiarañanaña’ iareoo. Nitroatse boak’
an-tane re le niambesatse am-pandreañe eo. 24 Nanañe bania vinondrak’ añ’
anjomba’e ao i rakembay, le nihepakepake nandenta aze; le rinambe’e ty mona, naho
nibokobokoe’e naho nitoñafe’e ama’e ty mofo tsy aman-dalivay; 25 vaho nazotso’e
amy Saole, naho amo mpitoro’eo; le nikama iereo. Niongak’ amy zao iereo niavotse
mb’eo haleñe.

[*] **28:4** Soneme: Fitofàñe roe [†] **28:4** Gilboa: fañody mivarimbariñe [‡] **28:6** Orime: vatosoa fikanjiañe an’
A’hare [§] **28:7** Endore: rano figoangoañe an-tsa’e

# 29

[1] Natonto’ o nte-Pilistio e Afeke eo ty valobohò’ iareo vaho nitobe marine i rano
migoangoa’ Iezreeley o ana’ Israeleo. [2] Aa ie nandahatse o mpirai-lia’e zato naho
arivoo o talèm-Pilistio, le nivoly i Akise t’i Davide naho ondati’eo. [3] Le hoe o talèm-
Pilistio; Manao inoñ’ atoy o nte-Evreo? Le hoe ty natoi’ i Akise amo talèm-Pilistio,
Tsy i Davide hao i mpitoro’ i Saoley nimpiamako tamy andro zay, o taoñe rezaoy? Ie
mboe tsy nahatreavako hila mifototse amy nivotraha’e amako pake henaneo. [4] F’ie
niboseha’ o talèm-Pilistio le hoe ty asa’ o talèm-Pilisitio ama’e: Ampolio hibalike
mb’amy toetse natolo’o azey mb’eo tsy hindre aman-tika an-kotakotak’ ao tsy mone
hivalike ho rafelahy t’ie mialy, inoñe ty ho fifampilongoañe soa ama’e naho i talè’ey
naho tsy o loha’ ondaty retiañeo? [5] Tsy ie hao i Davide nitakasie’ iereo an-tsinjake ty
hoe: Zinama’ i Saole o arivo’eo naho i Davide o aleale’eo?
[6] Kinoi’ i Akise ama’e amy zao t’i Davide le nanao ama’e ty hoe: Kanao veloñe
t’IEHOVÀ, vañon-drehe, le soa am-pahatreavako ty fiavota’o naho ty fimpolia’o amy
valobohòkey pak’ amy ihe nindre amakoy; le tsy nahatrea hila ama’o raho sikal’
amy andro nomba’o amako pake henaneo; f’ie tsy no’ o talèo. [7] Aa le mimpolia, le
mañaveloa am-panintsiñañe, tsy hanjehara’o o talèm-Pilistio. [8] Aa hoe t’i Davide
amy Akise, Ino o nanoekoo? Ino ty nioni’o amy mpitoro’oy amo hene andro
nindrezako ama’o pak’ androanio, te tsy hionjonako hialy amo rafelahin-talèko
mpanjakao? [9] Le hoe ty natoi’ i Akise amy Davide: Fantako t’ie soa am-pahatreavako,
manahake ty anjelin’ Añahare; fe sinaotsi’ o talèm-Pilistio ty hoe t’ie tsy hitraok’
aman-tika hionjom-ban-kotakotake mb’eo. [10] Aa le mañaleñaleña rekets’ o mpitoro’
i talè nindre ama’oo; le mañampitsoa, ie mazava, le miavota. [11] Aa le niampitso t’i
Davide, ie naho ondati’eo niavotse amy maraiñey, nimpoly mb’an-tane’ o nte-Pilistio
mb’eo; vaho nionjomb’e Iezreele mb’eo o nte-Pilistio.

# 30

[1] Ie pok’e Tsiklage t’i Davide naho o mpiama’eo te herone le nizoe’e te tiname o nte
Amalekeo i Atimoy naho i Tsiklage, toe rinotsa’ iareo ty Tsiklage vaho finorototo’e
añ’afo. [2] Fonga rinambe’ iereo o ampela nizoeñeo, ty tora’e pak’ami’ ty bey; tsy
vinono’ iareo fa nendese’ iareo amy lia’ iareoy. [3] Aa ie pok’ an-drova’e ao t’i
Davide naho ondati’eo, hehe t’ie tineno’ ty afo, le fa hene nasese an-drohy o vali’eo
naho o ana-dahi’eo vaho o anak’ ampela’eo. [4] Nampipoñake ty rovetse amy zao t’i
Davide naho o mpiama’eo, ampara’ te nidrifi’ i harovetsey ty fiai’e. [5] Tinavañe am-
pandrohizañe añe ty vali’ i Davide roe, i Akinoame nte Iezreele naho i Abigale nte
Karmele, nivali’ i Nabaley. [6] Niampoheke t’i Davide kanao ho nametsa-bato ama’e
ondatio ty amy hafain’ arofo’ iareo amo ana-dahi’eo naho o anak’ ampela’eo, fe
nañosi-batañe am’ IEHOVÀ Andrianañahare’e t’i Davide.
[7] Le hoe t’i Davide amy Abiatare mpisoroñe, Ehe, endeso atoy i kitambey. Le
nendese’ i Abiatare mb’amy Davide mb’eo i kitambey. [8] Nañontane ty hoe am’
IEHOVÀ t’i Davide : Ho horidañeko hao i mpirai-lia zay, hiambotrahako? Le hoe
ty natoi’e: Horidaño fa tsi-mete tsy ho tra’o, vaho tsi-mahay tsy ho haha’o iaby.
[9] Aa le nionjomb’eo t’i Davide rekets’ indaty enen-jato mpiama’e rey, naho nimb’an-
torahañe Besore* mb’eo vaho nitofa eo ty ila’e. [10] Fe nañoridam-b’eo t’i Davide
reketse ty lahilahy efa-jato; le nidoñe eo ty roan-jato amy t’ie loho nidazidazìtse tsy
nahafitsake i torahañe Besorey. [11] Tendrek’ am’ iereo an-kivoke ey t’i nte-Mitsraime,
le nasese amy Davide naho nanjotsoañe mofo hikama’e naho rano hinoma’e [12] vaho
nanjotsoa’ iareo garaton-tsakoa naho valoboke angaroza’e maike roe; aa ie nikama,

* **30:9** Besore: Talily mahafale; fiheren-ko velo

nimpoly ama’e ty fiai’e, fa telo andro, telo haleñe re tsy nikama mofo ndra ninon-
drano. 13 Le hoe t’i Davide ama’e: An’ia rehe? vaho boak’ aia? Le hoe re: Ajalahy
nte-Mitsraime raho, mpitoro’ ty nte-Amaleke, le nado’ i talèkoy amy t’ie natindry
telo andro. 14 Nitamea’ay i Atimo’ o nte-Kereteoy†, naho amy fanaña’ Iehoday
naho amy Atimo’ i Kalebe‡ vaho finorototo’ay añ’ afo ty Tsiklage. 15 Le hoe t’i
Davide ama’e: Mete hinday ahy mb’amy lia-raike zay v’iheo? Le hoe re: Mifantà
amako aman’ Añahare te tsy hañohofa’o loza, ndra hanolotse ahy am-pitàn-talèko,
le ampanjotsoeko mb’ amy mpirai-liay mb’eo. 16 Aa ie nampizotsoe’e mb’eo heheke
t’ie niparaitake mb’ eo mb’eo an-tane ey, nifànjotse naho nitohoke an-tsabadidake,
ty amy fikopaham-bey nitavane’ iereo an-tane’ o nte-Pilistioy, naho an-tane Iehoday.
17 Linafa’ i Davide amy palipalitsieñey pak’ami’ty hariva’ i loak’ àndroy iereo; tsy
teo ty nipoliotse am’ iereo naho tsy ty ajalahy efa-jato nijoñe an-drameva vaho
nivoratsak’ añe. 18 Rinomba’ i Davide o nipaoha’ o nte-Amalekeo iabio; vaho hinaha’
i Davide i vali’e roe rey. 19 Tsy eo ty nipok’ ama’e, ndra ty kede ndra ty bey, ndra ana-
dahy ndra anak’ ampela; ndra vara ndra inoñ’ inoñe nitavaneñe am’ iereo; niazo’ i
Davide iaby. 20 Hene nendese’ i Davide o mpirai-lia naho mpiharo-trokeo, le niroahe’
iareo aolo o añombe ila’eo, le hoe ty saontsy: Fikopaha’ i Davide.

21 Nivotrak’ amy lahilahy roan-jato nimamake tsy nahafañorike i Davide rey t’i
Davide, i nampitofàñe an-toraha’ i Besore rey; nionjomb’ amy Davide mb’eo iereo
hifanalaka ama’e, naho hifañaoñe am’ ondaty nindre ama’eo; le ie nifanotok’
am’ondatio t’i Davide le nañontanea’e. 22 Le hoe ty enta’ ondaty tsivokatse naho rati-
tserek’ amo mpiamy Davideo: Kanao tsy nindre aman-tika, tsy handiva’ay ndra kede
amo vara kinopake rinomba’aio, naho tsy ty vali’ ondaty naho o keleia’eo, hiaoloa’
iereo mb’eo. 23 Le hoe t’i Davide, Ko manao zao ry longoko, amo nanolora’ Iehovà
antikañeo, ie nañaro antikañe, vaho nanolotse i lia-raike naname antikañey am-
pitàn-tika. 24 Ia ty hañaoñe anahareo amo raha zao? Fa ho mira ami’ty anjara’
i nizotso mb’añ’aly mb’eoy ty anjara’ i nitambatse amy kilankañeiy; hifanjara
mira iereo. 25 Zay ty ie mifototse amy andro zay le nanoe’e fañè naho fepètse e
Israele ao ampara’ te henane. 26 Aa ie pok’e Tsiklage ao t’i Davide, nampañitrife’e
amo roandria’ Iehodao naho amo rañe’eo ty ila’ i varay ami’ty hoe: Ravoravo ho
anahareo ami’ty nikopaheñe amo rafelahi’ Iehovào; 27 naho amo am-Beteleo naho
o an-dRamote Atimoo naho o am-Iatireo 28 naho o an’Aroereo naho o an-tSipmoteo
naho o an’Estemoao 29 naho o an-dRakaleo naho o an-drova’ o nte-Ieakmeeleo naho o
androva’ o nte-Kaineoo 30 naho o an-Kormao naho o an-Korasaneo naho o nte-Atakeo
31 naho o nte-Kebroneo vaho o an-kene toetse fomba’ i Davide naho ondati’eo.

# 31

1 Ie amy zao, nialy amy Israele o nte-Pilistio, le nandripàke ty lay aolo’ o nte-Pilistio
o ana’ Israeleo vaho nikoromak’ am-pizamanañe an-kaboa’ i Gilboà ey. 2 Hinorida’
o nte-Pilistio mafe t’i Saole naho o ana’eo naho vinono’ o nte-Pilistio t’Ionatane naho
i Abinadabe vaho i Malkisoa, ana-dahi’ i Saole. 3 Nifandraparapake ty aly amy Saole
le nijoy aze o mpitàm-paleo, toe nampitsingoro aze o mpitàm-paleo. 4 Le hoe t’i
Saole amy mpitàm-pikala’ey, apontsoàño o fibara’oo, le atrebeho amako tsy mone
hitomboke naho hijoy ahy o tsy nisavareñe retoañeo. Fe tsy nimete i mpitàm-
pikala’ey, fa loho nirevendreveñe. Aa le rinambe’ i Saole i fibara’ey vaho nihotraha’e.
5 Ie nizoe’ i mpitàm-pikala’ey te nihomake t’i Saole le nihotrak’ amy fibara’ey ka,
nitrao-pivetrak’ ama’e.

6 Aa le nitrao-pihomake amy andro zay ty Saole naho i ana’e telo rey, naho i
mpitàm-pikala’ey vaho o fonga ondati’eo. 7 Ie niisa’ o ana’ Israele añ’ ila’ i vavataneio

† 30:14 Kerete: manampake ndra mandrimotse ‡ 30:14 Kalebe: amboa; koake; haroñe

naho o alafe' Iordaneio te nilay o ana' Israeleo naho nihomake t'i Saole naho o
ana'eo, le naforintse' iareo o rova' iareoo naho nitriban-day, vaho nimb'eo o nte-
Pilistio nimoneñe ama'e.
8 Ie amy loak-androy, nimb'eo o nte-Pilistio hañolitse o zinamañeo, le nizoe' iereo
te nikorovok' an-kaboa' i Gilboà t'i Saole naho i ana'e telo rey. 9 Kinitsi' iareo i
añambone'ey naho hinalo' iareo o sarom-pikala'eo vaho nañitrike i raha rezay mb'eo
mb'eo añ'akiban-drahare' iareo naho am'ondatio.
10 Nasampe' iereo añ'anjomba' i Astarote ao o sarom-pikala'eo vaho napite' iareo
an-drindri' i Bete-Sane eo i fañova'ey. 11 Aa ie jinanji' o nte-Iabese-Giladeo i nanoe'
o nte-Pilistio amy Saoley, 12 le niongake o fanalolahi' iereoo, nikatsakatsake haleñe
mb'eo nandrambe ty fañova' i Saole naho i ana'e rey boak' an-drindri' i Betesàne
eo naho nimpoly mb'e Iabese mb'eo vaho noroa' iareo. 13 Le rinambe' iareo o taola'
iareoo naho nalente' iareo ambane' ty kile' Iabese ao vaho nililitse fito andro.

# Samoele II

1 Ie fa vilasy t'i Saole naho fa nimpoly amy fanjamana'e o nte-Amalekeoy t'i Davide,
naho fa nitoboke roe andro e Tsiklage* t'i Davide, 2 le pok'eo amy andro faha-
teloy ty lahilahy boak' an-tobe' i Saole añe niriatse iaby o siki'eo, naho deboke ty
añ'ambone'e; aa ie niheo mb' amy Davide mb'eo, le nibabok' an-tane niambane
ama'e. 3 Le hoe t'i Davide ama'e: Boak'aia v'iheo? le hoe re ama'e, Nipoliotse boak'
an-tobe' Israele ao. 4 Le hoe t'i Davide ama'e: Manao akore i rahay? Ehe talilio. Le
hoe re, Nifandripak' amy hotakotakey ondatio, naho maro t'indaty nihotrake vaho
nivetrake; songa nihomake t'i Saole naho Ionatane ana'e. 5 Le hoe t'i Davide amy
ajalahy nitalily ama'ey: Akore ty ahafohina'o te nihomake t'i Saole naho Ionatane
ana'ey? 6 Le hoe i ajalahy nitalily ama'ey: Zaho nitojeha' an-kaboa' i Gilboà† eo, hehe
te niato amy lefo'ey t'i Saole vaho nifanindry ama'e mafe o sarete naho mpiningi-
tsoavalao. 7 Aa ie nitolike mañamboho le nioni'e raho, naho nikoiha'e, vaho vinaliko
ty hoe: Intoy raho. 8 Le hoe re tamako: Ia v' iheo? le hoe ty natoiko: nte-Amaleke
raho. 9 Le hoe re tamako: Mijohaña añ' ilako etoa, le vono, fa haoreañe ty mamihiñe
ahy te mbe amako ty fiaiko. 10 Aa le nijohañe añ' ila'e eo raho naho vinonoko fa
niantofako ty hatò te tsy ho velon-dre ie fa nihotrake eo; aa le rinambeko i sabaka'e
añ' ambone'ey naho i ravak' am-pità'eoy vaho naseseko mb'amy talèko mb'etoa.
11 Finetre' i Davide amy zao o siki'eo vaho niriate'e; nanao zay iaby ondaty nindre
ama'eo, 12 nangoihoy ty rovetse, nililitse am-para' te haleñe ho a i Saole naho Ionatane
ana'ey naho ondati' IEHOVÀo, vaho ho a i anjomba' Israeley, ie fonga zinevom-pibara.
13 Le hoe t'i Davide amy ajalahiy: Boak' aia rehe? le hoe ty natoi'e: Ana-drenetane
nte-Amaleke raho. 14 Le hoe t'i Davide ama'e: Aa vaho akore te ihe tsy nihembañe
hañiti' tañañe handrotsake i noriza' IEHOVÀy? 15 Kinanji'i Davide amy zao ty gaon-
dahy, ami'ty hoe: Mb'eo kahe, iambotraho: Le vinono'e am-panjevoañe. 16 Le hoe
t'i Davide ama'e: An-doha'o ty lio'o; fa nitalily azo ty vava'o ami'ty hoe: Zaho ty
namono ty noriza' IEHOVÀ.
17 Nirovetse t'i Davide ami'ty fandalà'e i Saole naho i ana'e Ionatane, 18 vaho linili'e
t'ie haoke amo ana' Iehodao ty sabo atao ty hoe: I Faley. Ingo t'ie sinokitse am-boke'
Iasare ao:
19 Fa zinamañe an-kaboañe ey
ty hatsomerentsere' Israele!
Akore ty fikorovoha' o fanalolahio!
20 Ko talilieñe e Gate ao,
ko tseizeñe an-damo' i Askelone ey;
tsy mone hirebeke o anak' ampela
o nte-Pilistioo
hera handia taroba o anak' ampela'
o tsy nisavareñeoo.
21 O ry haboa' i Giboà,
ee t'ie tsy hivotrahan-jono ndra orañe,
ndra teteke miregorego voa soa;
amy te ao ty nañifihañe an-tsereheñe
ty fikala' o maozatseo,
ty fikalan-defo' i Saole,
hoe t'ie tsy norizañ' an-tsolike.

* 1:1 Tsiklage: Fañaranañe hinotsokotsoke † 1:6 Gilboa: ty fañody mivariñe

22 Boak' ami'ty lio' o zinamañeo,
naho ami'ty havondra' o fatratseo
tsy nivike ty fàle' Ionatane,
tsy nimpoly mañomaño ty fibara' i Saole.
23 I Saole naho Ionatane,
ty hatsomerentsere'e naho
ty hamaràm-bintañe t'ie niveloñe,
mbe nifampipiteke iereo te nihomake;
nalisa ta ty vantioñe,
naozatse ta ty liona.
24 O ry anak' ampela' Israele,
mangololoiha ho a i Saole,
i nampisikiñe anahareo mena
naho ravoravo ila'ey,
i nametake bange volamena
an-tsaro' areoy.
25 Akore te nitsingoritritse
an-teñateñan-kotakotak' ao o maozatseo!
Zinevo an-kaboañe ey t'Ionatane!
26 Mioremeñe raho ty ama'o
ry Ionatane rahalahiko;
nifanjàka amako;
fiain-tane ty fikokoa'o ahy,
mandikoatse ty hatea' ampela.
27 Akore ty fihotraha' o fanalolahio,
nirotsake o haraom-pialiañeo.

# 2

1 Ie añe zay, le nañontane IEHOVÀ t'i Davide ami'ty hoe: Hionjonako hao o rova'
Israeleo? le hoe t'IEHOVÀ ama'e: Mionjona. Aa le hoe t'i Davide: Ty aia ty handenàko?
le hoe re: Mbe Kebrone* mb'eo. 2 Aa le nionjomb'eo t'i Davide rekets' i vali'e
roe rey, i Akinoame nte Iezreele† naho i Abigale vali'i Nabale nte-Karmele. 3 Le
nampionjone' i Davide ondaty mpiama'eo songa rekets' o keleia'eo vaho nimoneña'
iareo o rova' i Kebroneo. 4 Nimb'eo amy zao o roandria' Iehodao, le noriza' iareo eo
t'i Davide ho mpanjaka' i anjomba' Iehoday. Le natalily amy Davide te o nte-Iabese‡-
Giladeo§ ty nandenteke i Saole. 5 Nañitrik' amy Iabese-Gilade t'i Davide, le nanoe'e
ty hoe, Andriañeñe t'IEHOVÀ ami'ty fitretreza' areo i talè' areoy, amy nandenteha'
areo i Saoley. 6 Aa le ho ferenaiña' IEHOVÀ naho haboa'e ama' areo ty hatò; vaho
handroroñako ama' areo i hasoa nanoe' areoy. 7 Aa le ampaozaro o fità' areoo, le
mahasibeha; fa vilasy t'i Saole talè' areo vaho fa noriza' Iehoda raho ho mpanjaka'
iareo.
8 Ie amy zao, rinambe' i Abnere ana' i Nere, mpifehe' ty valobohò' i Saole,
t'Is'bosete* ana'i Saole vaho nendese'e nitsake mb'e Maknaime† mb'eo; 9 le nanoe'e
mpanjaka' i Gilade naho o nte-Asoreo‡ naho Iezreele naho Efraime§ naho i
Beniamine* naho Israele iaby. 10 Ni-efa-polo taoñe t'Is'bosete t'ie niorotse nifehe

* 2:1 Kebrone: Fifampilongoañe; firañetañe † 2:2 Iezreele: fitroara' IEHOVÀ; hazavà' IEHOVÀ ‡ 2:4 Iabese: Hamaiha'e; fisalarañe § 2:4 Gilade: talily mitoabotse * 2:8 Is'bosete: ondaty salareñe, mavoeñe † 2:8 Maknaime: kibohotse, tonda, firimboña ‡ 2:9 Asore: ehake; i manjotikey; i mañisakey § 2:9 Efraime: Mamokatse; mitombo * 2:9 Beniamine: anam-pitan-kavana

Israele, le nifeleke roe taoñe. Fe nañorike i Davide ty anjomba' Iehoda. 11 Le fito-
tao-tsi-enem-bolañe ty naha-mpanjaka' i anjomba' Iehoday e Kebrone ao i Davide.
12 Niavotse boake Maknaime t'i Abnere ana' i Nere rekets' o mpitoro' Is' Bosete ana'i
Saoleo le nomb'e Gibone mb'eo. 13 Niavotse t'Ioabe†, ana'i Tseroià‡ naho o mpitoro'
i Davideo nifanalaka am' iereo amy antara' i Giboney; ie nifampigaoñe le añ'ila' i
antara etoañey ty firimboña'e raike vaho alafe' i antara eroañey ty firimboña'e raike.
14 Le hoe t'i Abnere am' Ioabe, Angao hiongake o gaon-dahio hihisa añatrefan-tikañe.
Le hoe t'Ioabe: Angao hiongake.
15 Niongak' amy zao t'i nte-Beniamine, folo-ro'amby ty mpiam' Is'bosete, ana' i
Saole, naho folo-ro'amby ty mpitoro' i Davide. 16 Sindre nitan-ty lohan-drahalahi'e
naho natsorofo'e an-deme' i rahalahi'ey ty fibara'e vaho songa nitsingoritritse eo;
aa le natao ty hoe Kelkate-kats' tsorime§ i toetse e Gibone zay. 17 Nampalovilovy
ty hotakotak' amy andro zay; le nigioke t'i Abnere naho o ana' Israeleo añatrefam-
pitoro' i Davide.
18 Teo ty ana-dahy telo' i Tseroià; Ioabe, naho i Abisày, vaho i Asaele*, le nalisa
am-pandia t'i Asaele manahake ty fanaloke tora'e. 19 Nañinjake i Abnere t'i Asaele;
tsy niviombioñe mb'an-taña'e havana ndra havia amy fañitrihitriañ' orike i Abnerey.
20 Nitoli-boho amy zao t'i Abnere nanao ty hoe: I Asaele v'iheo? hoe ty natoi'e: Zaho.
21 Le hoe t'i Abnere tama'e: Mitsilea, mb'an-taña'o havana ndra havia, naho tsepaho
ty gaon-dahy vaho holiro o fikala'eo, f'ie tsy nete tsy nañorik' aze avao. 22 Nindrae'
i Abnere amy Asaele ty hoe: Mivioña tsy hañorik' ahy; ino ty hanjevoñako azo an-
tane? Aia amy zao ty hiatrefako laharañe am' Ioabe rahalahi'oy? 23 F'ie nifoneñe
tsy hivioñe, aa le tinombo' i Abnera amy kitron-defo'ey ambane' ty pa'e faha lime
eo le nipotìtse am-boho'e ao i lefoñey vaho nitsingorokoron-ko mate eo. Ie amy zao,
ze nizo i nikorovoha' i Asaele nivetrakey, le nijohañe eo. 24 Fe nañoridañe i Abnere
t'Ioabe naho i Abisày; le nitsofots' andro t'ie pok' an-kaboa' i Amà†, i aolo' i Già‡
an-dala' mb' am-patrambei' i Giboney.
25 Nifanontoñe amy Abnere amy zao o ana' i Beniamineo vaho nijohañe an-
kaboañe ey. 26 Kinoi' i Abnere amy zao t'Ioabe ami'ty hoe: Hamotseke nainai'e hao
i fibaray? Tsy fohi'o hao t'ie higadoñe an-kafairañe avao? Ampara' te mb'ia vaho
halalie'o ondatio ty tsy hañoridañe i rahalahi'ey? 27 Le hoe t'Ioabe: Kanao veloñe t'i
Andrianañahare, naho tsy nisaontsy rehe, le ampara' te niporea' ty maraindray leo
raike tsy ho nimpoly am-pañinjaha'e i rahalahi'ey. 28 Aa le nampipopò antsiva t'Ioabe
vaho nitsangañe ondaty iabio, tsy nañoridañe Israele ka, tsy nifanehak' añ'aly ka.
29 Nikatsakatsake niranga i Arabà amy haleñe iabiy t'i Abnere naho ondati'eo;
nitsake Iordaney naho niranga i Bitrone§ vaho nigodañe e Maknaime. 30 Nimpoly
amy fañoridaña'e i Abnerey t'Ioabe; le ie natonto' iareo i mpitoro' i Davide rey
le tsy niampe folo-sive' amby naho i Asaele. 31 Fe zinevo' o mpitoro' i Davideo
amo lahilahi' i Beniamine naho a i Abnereo: t'indaty telon-jato-tsi-enem-polo, fonga
nikorokomake. 32 Nitakone' iereo t'i Asaele vaho nalente'e an-donan-drae'e e
Betlekheme ao. Nikatsakatsak' amy haleñey ka t'Ioabe, am-para' te niporea am'
iereo e Kebrone añe i àndroy.

# 3

1 Nitolom-pialy avao ty anjomba' i Saole naho ty anjomba' i Davide; le nihafatratse
erike t'i Davide vaho ninìke erike ty anjomba' i Saole. 2 Nisamak' anadahy e Kebrone

† **2:13** Ioabe: maha-rae; satrie'e ‡ **2:13** Tseroià: fandovilovia' IEHOVÀ § **2:16** Kelkate-kats'tsorime: tete' o maozatseo, * **2:18** Asaele: sata' i Andrianamboatse † **2:24** Amà: Ondatiko, ndra Ondati'e ‡ **2:24** Già: miaolo; mamokatse; miselekaiñe § **2:29** Bitrone: Fizarañe

ao t'i Davide; i Amnone* ty tañoloñoloña'e boak' amy Akinoame nte-Iezreele; 3 i
Kilabe†, ty faharoe, nasama' i Abigale vali' i Nabale nte-Karmele; ty fahatelo: i
Abisalome‡, ana' i Maakà§ ana' i Talmay* mpanjaka' i Gesore†; 4 ty fah'efatse i
Adonià‡, ana' i Kagite§; ty faha-lime, i Sefatià* ana' i Abitale†; 5 vaho ty faha-eneñe,
Itreame‡, amy Eglà§ vali' i Davide. Songa nasama' i Davide e Kebrone ao. 6 Ie nitolom-
pialy avao ty anjomba' i Saole naho ty anjomba' i Davide, le nampaozam-batañe añ'
anjomba' i Saole t'i Abnere.

7 Nisakeza' i Saole t'i Ritspà* anak' ampela' i Aià. Le hoe t'Isbosete amy Abnere, Ino
ty nimoaha'o amy sakezan-draekoy? 8 Nampiforoforo i Abnere i enta' Isbosete zay, le
hoe re: Lohan' amboa' Iehoda hao raho? Niferenaiñako anindroany hao ty anjomba'
i Saole, rae'o, naho o longo'eo naho o rañe'eo, te ihe tsy naseseko am-pità' i Davide;
t'ie nasisì'o ho aman-kakeo amy rakembay androany? 9 Ee te hanoen' Añahare
amy Abnere naho mandikoatse, naho tsy hanoeko ty nifanta' IEHOVÀ amy Davide;
10 ty hampamindrañe boak' añ'anjomba' i Saole i fifeheañey naho hampitroareñe
ambone' Israele naho Iehoda boake Dane† pake Beersevà‡ ty fiambesa' i Davide.
11 Tsy nahavale i Abnere ndra volan-draike re ty amy fihembaña'ey. 12 Nañitrik'
amy Davide amy zao t'i Abnere nanao ty hoe: An' ia o taneo? naho ty hoe: Mifañinà
amako fa inao, ama'o ty tañako hanese Israele iaby. 13 Le hoe re, Antao arè, hifañina;
fe hafantoko ama'o, te tsy ho isa'o ty tareheko naho tsy endese'o heike t'i Mikale§
anak' ampela' i Saole, t'ie miheo mb' amako mb'etoa hañisake ty tareheko. 14 Le
nañitrik' am' Is'bosete ana' i Saole t'i Davide nanao ty hoe: Aseseo amako i Mikale
tañanjombako nifofoeñ' añ' ofon-te-Pilisty zatoy. 15 Aa le nampihitrife' Isbosete
vaho rinambe'e amy Paltiele* ana' i Laise†, vali'ey. 16 Nangolololoike ty rovetse i
vali'ey, ie nañorik' aze mb'e Bakorime‡ mb'eo. Le hoe t'i Abnere ama'e: Akia,
iamboho; le nimpoly re. 17 Ie amy zao fa nifañaoñe amo talè' Israeleo t'i Abnere,
nanao ty hoe: Ie taolo ro nipay i Davide ho mpanjaka hifehe anahareo, 18 Aa le
ano henaneo; amy te nafè' IEHOVÀ amy Davide ty hoe: Ty fitàm-pitoroko Davide ty
handrombahako ondatiko Israeleo am-pità' o nte-Pilistio, naho am-pità' o rafelahi'
iareo iabio. 19 Tinaro' i Abnere an-dravembia i Beniamine ka zay, le nañavelo t'i
Abnere nisaontsy an-dravembia' i Davide e Kebrone ao t'ie ninò' Israele iaby naho ty
anjomba' i Beniamine iaby; 20 le nimb' amy Davide e Kebrone añe t'i Abnere rekets'
ondaty roapolo vaho nanoa' i Davide sabadidake t'i Abnere naho ondaty nindre
ama'eo. 21 Le hoe t'i Abnere amy Davide: Hiongake raho hiavotse le hatontoko amy
talèko mpanjakay t'Israele iaby, hifañina ama'o, hifeleha'o ze satrin'arofo'o iaby. Aa
le nirahe' i Davide mb'eo t'i Abnere hañavelo am-panintsiñañe.

22 Ingo te boak' an-kotakotak' añe amy zao o mpitoro' i Davideo naho Ioabe, ninday
fikopaham-bey; fe tsy amy Davide e Kebrone ao t'i Abnere, ie niraheñe añe naho
niavotse an-kanintsiñe. 23 Aa ie pok'eo t'Ioabe naho i valobohòke nindre ama'e iabiy,
le natalily am' Ioabe ty hoe: Fa niheo amy mpanjakay t'i Abnere ana' i Nere vaho
nampiavote'e mb'eo le nienga am-panintsiñañe. 24 Aa le nomb' amy mpanjakay
t'Ioabe nanao ty hoe: Ino ze o nanoe'oo? Inao niheo mb'ama'o mb'etoa t'i Abnere;
akore te nirahe'o mb'eo, ie vata'e añe? 25 Fohi'o t'i Abnere ana'i Nere, te nimb'

* **3:2** Amnone: Migahiñe naho to; mpañoke † **3:3** Kilabe: arovan-drae ‡ **3:3** Absalome: raen-kazavàñe § **3:3** Maakà: forekekeñe * **3:3** Talmay: vavahaliko; rano mivotre † **3:3** Gesory: vavatane: fisarea'e; mikijoly ‡ **3:4** Adonià: IEHOVÀ ro taleko § **3:4** Kagite: mirebeke * **3:4** Sefatià: IEHOVÀ mpizaka † **3:4** Abitale: raen-jono, ndra raen-talinjo ‡ **3:5** Itreame: hafanjàka' ondatio § **3:5** Eglà: Tamana; sarete; bontoly * **3:7** Ritspà: fandreañe; tovo'e; saribòm-bato † **3:10** Dane: zaka; mpizaka ‡ **3:10** Be'er-sevà: vovom-panta; vovo faha-fito § **3:13** Mikale: Tareheko * **3:15** Paltiele: Famotsora' IEHOVÀ † **3:15** Laise: Liona ‡ **3:16** Bakorime: jinobo; tea-aly; mahasibeke

etoa hamañahy azo, hahafohiñe ty fiengà'o naho ty fiziliha'o, haharendreha'e ze
anoe'o iaby. 26 Ie niavotse amy Davide t'Ioabe le nampihitrike ìrak' amy Abnere
nampibalike aze boake Bor'sirà; fe tsy nifohi' i Davide. 27 Aa ie nimpoly mb'e Kebrone
mb'eo t'i Abnere, le natola' Ioabe hisitak' i lalam-beiy hibisibisiha'e vaho tinombo'e
ambane-pa'e fahalime, le nihomake ty amy lion-drahalahi'e Asaeley. 28 Ie jinanji'
i Davide le hoe re, Malio tahiñe am' IEHOVÀ, amy lio' i Abnere ana' i Nerey raho
naho ty fifeheako. 29 Ee te hipetak' añambone' Ioabe naho añ' anjomban-drae'e
le tsy hasitak' ami'ty anjomba' Ioabe ty aman-dio-lava, ke ty angamae, he ty miato
am-pitoñoñe, ke ty ampitsingorom-pibara, he ty tsy aman-kàneñe. 30 Vinono' Ioabe
naho i rahalahi'e Abisaiy t'i Abnere ty amy namonoa'e i rahalahi' iareo Asaele an-
kotakotake e Gibone añe. 31 Le hoe t'i Davide am' Ioabe naho amo hene ondaty nindre
ama'eo, Mandriata saroñe naho misikina gony vaho miroveta añatrefa' i Abnere.
Le nañorike i horantsañey t'i Davide. 32 Nalente' iereo e Kebrone ao t'i Abnere; le
naonjo' i mpanjakay ty fiarañanaña'e nangolololoike ty rovetse an-kibori' i Abnere eo
vaho fonga nangoihoy ondatio. 33 Aa le nandala i Abnere i mpanjakay, ami'ty hoe:
Nihomake manahake ty fikenkañan-dagola t'i Abnere?
34 Tsy nisingoreñe o fità'oo,
tsy ni-an-dongoke o fandia'oo;
nikorovoke hoe ondaty zinevo añatrefa' o lo-tserekeo.

Le niroveta' ondatio indraike. 35 Nimb' amy Davide amy zao ondatio nanjotso mofo,
ie mbe niantoandro, fe nifanta ami'ty hoe t'i Davide; Hanoen' Añahare amako ndra
losore'e naho mitsopeke mofo ndra inoñe am-para' te tsofotse i àndroy. 36 Nihaoñe'
ondatio zay le ninò'e; niantofa' ondaty iabio ze nanoe' i mpanjakay. 37 Aa le nifohi'
ze hene ondaty naho Israele iaby amy andro zay te tsy nampivetraha' i mpanjakay
t'i Abnere ana' i Nere. 38 Le hoe i mpanjakay amo mpitoro'eo: Tsy fohi' areo hao te
nihotrake e Israele ao anindroany ty roandria fanalolahy? 39 Mamake raho androany,
ie vaho norizañe ho mpanjaka; toe loho gañe amako i ana' i Tseroià rey; ehe ho vale'
IEHOVÀ amy raty tserekey o hatsivokara'eo.

# 4

1 Ie jinanji' i ana' i Saole e Kebroney te nivilasy t'i Abnere, le nigebañe ty fità'e
vaho ninevenevetse iaby o ana' Israeleo. 2 Ondaty roe ty nimpifehem-pirimboñañe
amy ana' i Saoley; ty raike natao Baanà*, naho ty tahina' ty raike: Rekabe†, sambe
ana' i Rimone‡ nte Beerote§, ana' i Beniamine; amy te nivolilieñe amy Beniamine
t'i Beerote; 3 aa le nibioñe mb'e Gitaime* mb'eo o nte-Beeroteo, vaho nañialo ho
renetane añe pake henaneo. 4 Nanañ' anadahy kepek' am-pandia t'Ionatane ana' i
Saole, ie lime taoñe te pok'eo i talily i Saole naho Ionatane e Iezreeley le rinambe'
i mpiatrak' azey naho nandrifitse ty lay; aa ie nitaentaeñe hipitsike le nidorasitse
nahakepeke i natao Mefibosètey†. 5 Niheo mb'eo i ana' i Rimone nte-Beerote rey, i
Rekabe naho i Baanà, le nivotrak' añ' anjomba' Isbosete an-tsingilingilien' andro, ie
nandre am-pandreañe ao. 6 Nimoak' am-po i anjombay iereo nanao ho mpampibalike
vare-bolè, le tinombo' iareo ambane' ty pa'e faha-lime ao; vaho nivoratsake t'i
Rekabe naho i Baanà rahalahi'ey. 7 Ie nimoak' añ' anjomba ao iereo, ie nandre am-
pandrea'e an-trañom-pandrea'e ao, le tinombo' iareo, vinono, naho kinitsi' iereo
ty añambone'e vaho nikatsakatsak' amy haleñey niranga i montoñey. 8 Nendese'
iereo mb'amy Davide e Kebrone mb'eo ty añambone' Isbosete le nanao ty hoe
amy mpanjakay, Ingo ty añambone' Isbosete ana' i Saole rafelahi'oy, i nipay ty

* 4:2 Baanà: amy vale-fatey; an-kasotriañe † 4:2 Rekabe: efa mira: tarihen-tsoavala efatse ‡ 4:2 Rimone: Nonjoneñe; ampongabendañitse § 4:2 Beerote: vovoñe; fampalangesañe * 4:3 Gitaime: Fipiritan-divay † 4:4 Mefibosete: miboak'am-bavako ty inje

fiai'oy, fa nondroha' IEHOVÀ ty kabò' i talèko mpanjakay amy Saole naho amy tiri'ey
anindroany. 9 Aa hoe ty natoi' i Davide amy Rakabe naho i Baanà rahalahi'e, ana' i
Rimone nte-Beerote: Kanao veloñe t'IEHOVÀ nijebañe ty fiaiko amy ze atao rafelahy
iaby, 10 naho nitalily amako ty nanao ty hoe: Inao, vilasy t'i Saole. Ie natao'e te
nanday talily soa. Fe rinambeko vaho zinevoko e Tsiklage ao ho tambe' i talili'ey.
11 Tsy antsake hao ondaty lo-tsereke namono indaty marentane añ'anjomba'e am-
pandrea'ey? Tsy hampañavahako am-pità' areo hao ty lio'e hanintak' anahareo an-
tane atoy? 12 Aa le linili' i Davide o gaon-dahi'eo, le vinono' iereo naho kinitsike o
fitañe naho fandia' iareoo naho naradorado ambone' i antara' i Kebroney. Nitakone'
iereo ty añambone' Isbosete vaho nalenteke an-kibori' i Abnere e Kebrone ao.

## 5

1 Nivotrak' amy Davide e Kebrone amy zao ze fifokoa' Israele iaby nanao ty hoe:
Oniño te taola'o naho nofo'o zahay. 2 Ie omale naho fakomale-bey le nimpanjaka'ay t'i
Saole naho ihe ty niaolo vaho nampipoly Israele; le hoe t'IEHOVÀ ama'o, Ho fahana'o
ondatiko Israeleo naho ihe ty hifelek' Israele. 3 Aa le niheo mb' amy mpanjakay
e Kebrone mb'eo o roandria' Israeleo; le nifañina am' iereo t'i Davide mpanjaka
e Kebrone ao añatrefa' IEHOVÀ; vaho noriza' iareo ho mpanjaka' Israele t'i Davide.
4 Telopolo taoñe t'i Davide te niorotse nifehe; le nifeleke efapolo taoñe, 5 nifehe Iehoda
e Kebrone ao fito taoñe tsi-enem-bolañe re naho nifeleke Israele naho Iehoda e Ierosa-
laime* ao telopolo taoñe telo' amby.
6 Nomb'e Ierosalaime mb'eo i mpanjakay rekets' ondati'eo, haname o nte Iebosìo,
o mpimoneñe amy taneio, ze nanao amy Davide ty hoe: Ndra ty goa naho i kepekey
ty hampiamboho azo tsy himoak' atoy; ie natao' iereo te tsy hahafizilik' ao t'i Davide.
7 Fe rinambe' i Davide ty rova' i Tsione†; i atao rova' i Davidey. 8 Fa hoe t'i Davide amy
andro zay: Ia ty mahafandafa o nte-Iebosy am-pionjonañe amy firoroñan-dranoy, ie
mongore'e heike ze o kepeke naho goa heje' ty tro' i Davide zao—ie atao' iereo ty
hoe: Ndra ty goa naho i kepekey tsy hahafimoaha'e añ' anjomba atoy. 9 Nimoneñe
amy rovay t'i Davide vaho natao'e ty hoe Rova' i Davide. Namboatse mb'eo mb'eo
boake Milò ‡mb'añate'e ao t'i Davide. 10 Nitoabotse erike t'i Davide amy te nindre
ama'e t'IEHOVÀ Andrianañahare' i Màroy.
11 Aa le nañitrifa' i Kirame§ nte-Tsore* ìrake t'i Davide naho mendoraveñe naho
mpandranjy naho mpamboatse am-bato, le nandranjia' iereo anjomba t'i Davide.
12 Nioni' i Davide t'ie noriza' IEHOVÀ ho mpanjaka' Israele; naho nonjone'e am'
ondati'e Israeleo ty fifehea'e. 13 Mbe nañenga sakeza naho valy boake Ierosalaime
t'i Davide ie fa nivotrake boake Kebrone añe; teo ka te nahasamake ana-dahy naho
anak' ampela t'i Davide. 14 Zao ty añara' o nasama'e e Ierosalaimeo: i Samoa† naho
Sobabe‡ naho Natane§ naho i Selomò*, 15 naho Iebkare† naho Elisoa‡ naho Nèfege§
naho Iafià*, 16 naho i Elisamà† naho Eliadà‡ vaho i Elifelete§.
17 Aa ie jinanji' o nte-Pilistio te norizañe ho mpanjaka' Israele iaby t'i Davide, le
fonga nionjomb'eo o nte-Pilistio hitsoeke i Davide. Ie jinanji' i Davide, le nigodañe
am-pipalirañe fatratse ao. 18 Nimb' am-bavatane' i Refaime* ey ka o nte' Pilistio vaho

* 5:5 Ierosalaime: aroñarom-panintsiñañe † 5:7 Tsione: Fampitiahivañe natroatse; lonake ‡ 5:9 Milò: Haliporañe § 5:11 Kirame: Fionjona' ty havelo; mpijoy * 5:11 Tsore: Haozarañe; vato; masioñe † 5:14 Samoa: i janjiñañey; i oriheñey ‡ 5:14 Sobabe: tafampoly; tolike; pitsik'afo § 5:14 Natane: tolotse; nitambezañe * 5:14 Selomone: mpampilongo; ginoke; † 5:15 Iebkare: Fijoboñañe; i jinoboñey ‡ 5:15 Elisoa; I A'harem-pandrombahako § 5:15 Nèfege: maleme; migebañe * 5:15 Iafià: mampahazava; miborake † 5:16 Elisamà: I Andrianañahare mijanjiñe ‡ 5:16 Eliadà: mahafohinañe an'Andrianañahare § 5:16 Elifelete: t'i A'harem-pamotsorañe * 5:18 Refaime: Fanalolahy mijoala maro

nivelatse. 19 Aa le nañontane IEHOVÀ t'i Davide ami'ty hoe: Hionjoñe mb'amo nte-
Pilistio hao raho? Hatolo'o an-tanako hao? Le hoe t'IEHOVÀ amy Davide, Mionjona,
fa tsy mete tsy hatoloko am-pità'o o nte-Pilistio. 20 Nimb'e Baale-peratsime† mb'eo
t'i Davide naho zinama'e iereo vaho nanao ty hoe: Niboroboñak' amo rafelahikoo
t'IEHOVÀ manahake ty fisorotombahan-drano. Aa le natao'e ty hoe Baal-peratsime i
toetsey. 21 Napo' iareo eo o samposampo' iareoo le sinodo‡' i Davide naho ondati'eo.
22 Niheo mb'eo indraike o nte-Pilistio vaho nihanak' am-bavatane Refaime ey. 23 Aa
ie nañontane IEHOVÀ t'i Davide, le hoe re: Ko mionjomb'eo fa miaria mb'am-boho'
iareo tandrife o sohihio§, 24 aa ie mahajanjiñe ty feom-pangidigidiñañe andigiligi' o
sohihio le mionjona amy te hiaoloa' IEHOVÀ nahareo handafa i valobohòn-te-Pilistiy.
25 Aa le nanoe' i Davide i nandilia' IEHOVÀy vaho zinevo'e boake Gebà* pake Gezere†
o nte-Pilistìo.

# 6

1 Natonto' i Davide indraike ze hene jinoboñe amy Israele ao, telo ale. 2 Niavotse
amy zao t'i Davide rekets' i maro ama'e boake Baale-Iehoday* hañakatse i vatam-
pañinan' Añaharey boak' ao, i fikanjiañe ty tahina' IEHOVÀ i Màroy, ie mimoneñe
añatrefa' o kerobeo. 3 Aa le najoñe an-tsarete vao i vatan' Añaharey naho nakare'
iereo añ'anjomba' i Abinadabe† e Gibà‡ ao vaho nendese' i Ozà§ naho i Akiò* ana'
i Abinadabe i sarete vaoy. 4 Toe nakare' iereo añ' anjomba' i Abinadabe e Gibà
ao i vatam-pañinan' Añaharey vaho niaolo i vatam-pañinay t'i Akiò. 5 Nitsinjake
añatrefa' IEHOVÀ t'i Davide naho i anjomba' Israele iabiy, am-pañarahañe ze karazan-
draha titiheñe nanoeñe an-kazombatango, naho an-jejobory naho marovany naho
fikorintsañe naho kantsàñe vaho fikoriñañe.
6 Ie nivotrak' an-toem-pifofoha' i Nakone† eo, le nitakare' i Ozà i vatam-pañinan'
Añaharey amy t'ie hinetseketse' o katrakao. 7 Aa le nisolebotse amy Ozà ty haviñera'
IEHOVÀ, naho zinevon' Añahare ty amy fandilara'ey, vaho nihomak' añ' ila' i vatam-
pañinan' Añaharey eo. 8 Nanahelo t'i Davide te finanto' IEHOVÀ t'i Ozà, aa le natao'e
ty hoe Peretsozà‡ ty añara' i toetsey pake henaneo. 9 Nirevendreveñe amy IEHOVÀ t'i
Davide henane zay le nanao ty hoe, Ami'ty akore ty hampombañe i vatam-pañina'
IEHOVÀy mb' amako mb'etoa? 10 le tsy nendese' i Davide mb'an-drova' i Davide
mb'eo ty vatam-pañina' IEHOVÀ fe navi' i Davide mb'añ'anjomba' i Ovededome§,
nte-Gate* ao. 11 Nitolom-pitobok' añ'anjomba' i Ovededome nte-Gate ao telo volañe i
vatam-pañina' IEHOVÀy; le nitahie' IEHOVÀ t'i Ovededome naho o añ'anjomba'e iabio.
12 Natalily amy Davide mpanjaka ty hoe, Toe nitahie' IEHOVÀ ty anjomba' i Ovededome
naho ze ama'e ty amy vatam-pañinan' Añaharey. Aa le nimb'eo t'i Davide vaho
nendese'e boak' añ'anjomba' i Ovededome ao pak' an-drova' i Davide an-kafaleañe
i vatan' Añaharey. 13 Ie amy zao, naho fa nandeha enen-dika o ninday i vatam-
pañina' IEHOVÀio, le nisoroñe ty añombelahy naho ty bania vinondrake. 14 Nitsinjak'
añatrefa' IEHOVÀ an-kaozara'e iaby t'i Davide, ie nisikiñe kitambe leny t'i Davide.
15 Aa le nendese' i Davide naho ty anjomba' Israele iaby am-pipazapazahañe naho
fipopohañe o tsifan' añondrio ty vatam-pañina' IEHOVÀ. 16 Ie nimoak' an-drova' i
Davide ao ty vatam-pañina' IEHOVÀ, le nitilihitse an-dalan-kede ty Mikale ana' i Saole
naho niisa'e t'i Davide mpanjaka nitribatribake naho nitsinjak' añatrefa' IEHOVÀ le

† **5:20** Baal-peratsime: Talè mampizara ‡ **5:21** Heb: nengae' § **5:23** Bakà: Hatae mitañy, tsampa miradorado
* **5:25** Gebà: tamboho; fitovy † **5:25** Gezere: fizarañe, lilin-jaka * **6:2** Baale-Iehoda: Roandria-Iehoda (toetse)
† **6:3** Abinadabe: raem-pañina -pahimbañañe ‡ **6:3** Gibà: Tamboho § **6:3** Ozà: haozarañe; ose * **6:3**
Akiò: rahalahi'e, longo'e † **6:6** Nakone; maike; faramparañe, matrovoke ‡ **6:8** Peretsozà: finatsike t'i Ozà
§ **6:10** Ovededome: mpitoro' i Edome * **6:10** Gate: fipiritan-divay

nitorifihe'e an-tro'e. 17 Aa le nazili' iereo i vatam-pañina' IEHOVÀy vaho napo'e an-
toe'e añivo' i kivoho naore' i Davide ho azey le nisoroña' i Davide engan-koroañe
naho engam-panintsiñañe añatrefa' IEHOVÀ. 18 Ie nihenefe' i Davide ty fisoroñañe
o enga oroañeo naho o engam-panintsiñañeo le nitatae'e ondatio ami'ty tahina'
IEHOVÀ' i Màroy. 19 Le hene nanjotsoa'e boko-mofo naho fatets-ena naho garatom-
balòboke ondatio, i valobohò' Israeley, lahilahy naho rakemba; vaho nimpoly iaby
ondatio, songa mb'añ' anjomba'e añe.

20 Nimpoly ka t'i Davide hitata o añ' anjomba'eo. Le niakatse nifanalaka amy
Davide t'i Mikale anak' ampela' i Saole, nanao ty hoe: Akore ty enge' i mpanjaka'
Israeley anindroany, ie nañafa-tsaroñe aolo' maso' o anak' ampatam-pitoro'eo
manahake ty fibongia' o tsivokatse tsy aman-keñatseo! 21 Le hoe t'i Davide amy
Mikale, Toe tañatrefa' IEHOVÀ, ie nijoboñe ahy ambonen-drae'o naho ambone' i
anjomba'e iabiy vaho noriza'e ho mpifelek' ondati' IEHOVÀo, hifehe Israele; Aa le
hitsinjak' añatrefa' IEHOVÀ raho. 22 Toe mbe ho losorako i hatsivokarakoy naho hireke
ampahaisahako, fe o mpitoroñ' ampela nivolañe'oo, ie ro hiasy ahy. 23 Toly ndra tsy
nanañ' anake ampara' ty androm-pivetraha'e t'i Mikale anak' ampela' i Saole.

# 7

1 Ie amy zao, fa nimoneñe añ' anjomba'e ao i mpanjakay vaho hene nampitofae'
IEHOVÀ ze rafelahi'e mb' etia mb'etia, 2 le hoe i mpanjakay amy Natane, mpitoky:
Eo hey! Mimoneñe añ' anjomba mendoraven-draho, fe mimoneñe an-damba
miradorado ao ty vatam-pañinan' Añahare. 3 Le hoe t'i Natane amy mpanjakay:
Akia, ano ze hene añ' arofo'o; fa ama'o t'IEHOVÀ.

4 Fe amy haleñey avao, niheo amy Natane ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 5 Akia,
saontsio t'i Davide mpitoroko: Hoe ty nafè' IEHOVÀ: Ihe hao ty hamboatse anjomba
himoneñako? 6 Zaho tsy nimoneñe an-traño sikal' amy nampiavotako boake
Mitsraime añe o ana' Israeleoy, pak' androany, fa i kibohotsey naho i kivohoy ty
nombako. 7 Aa vaho fa nametse tsara raike hao raho am-pifokoa' Israele ndra aman'
iaia amo hene tane nombako mindre amo ana' Israeleo, o nandiliako hamahañe
ondatiko Israeleoo, ty hoe: Manao akore te tsy nandranjia'o anjomba mendoraven-
draho? 8 Aa le zao ty ho saontsie'o amy mpitoroko Davidey: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy:
Rinambeko am-piandrazañe ao rehe, am-pañorihañe añondry, ho mpifelek' ondatiko
Israeleo. 9 Fa nindre ama'o raho ndra aia' aia ty nañaveloa'o, naho zinamako aolo'o
ey o rafelahi'o iabio; mbore hitolorako tahinañe ra'elahy, manahake o jabajaba an-
tane atoio. 10 Le hanendreako toetse ondatiko Israeleo, le hajadoko iereo, songa
himoneñe an-toe'e, tsy ho tsoboreñe ka; vaho tsy hanolo-tsotry am'iareo ka o anan-
katsivokarañeo, manahake te taolo, 11 sikal' amy andro nililieko mpizaka hifehe
ondatiko Israeleio. Le hampitofàko amo rafelahi'o iabio rehe. Tovo izay, Mitaroñe
ama'o t'IEHOVÀ t'ie hanoa' IEHOVÀ anjomba. 12 Ie heneke o andro'oo, naho hirotse
aman-droae'o ao, le horizako ty tiri'o hanonjohy azo, ty hiboak' an-tsandri'o, le
hajadoko i fifeleha'ey. 13 Ie ty handranjy anjomba ho amy añarakoy, le horizako ho
nainai'e i fifeleha'ey. 14 Ho rae ama'e raho, le ho anake amako re; aa ie mandilatse le
ho lafaeko an-kobai' ondatio, naho am-pamofoha' o ana' ondatio; 15 fe tsy hasintak'
ama'e ty fitretrezako, manahake ty nampisintahako aze amy Saole, i naviko aolo'o.
16 Hioreñe ho fatratse nainai'e añatrefa'o ty fifehea'o vaho hajadoñe ho kitro añ'afe'e
ty fiambesa'o. 17 Nitaroñe' i Natane amy Davide i tsara zay naho i hene aroñaroñey.

18 Aa le nizilik' ao t'i Davide mpanjaka niambesatse añatrefa' IEHOVÀ, nanao ty
hoe; Ia v'iraho ry Talè IEHOVÀ vaho ino i trañokoy te nendese'o pak'eo? 19 f'ie mbe
loho kede am-pihaino'o, ry Talè IEHOVÀ, kanao nitsarae'o i akibam-pitoro'oy t'ie ho
haehae añe ka; ie toe fañoha ondaty, ry Talè IEHOVÀ? 20 Aa ino ka ty hivolaña' i

Davide? amy te Ihe ro maharofoanañe o mpitoro'oo ry TalèIEHOVÀ. 21 O tsara'oo naho
o arofo'oo ty nanoa'o o raha ra'elahy iaby zao, naho nampibentara'o amo mpitoro'oo.
22 Aa le onjonen-dRehe ry Rañandria IEHOVÀ, fa tsy amam-pihambañe, vaho tsy eo
t'i Andrianañahare hatovoñ' Azo, ty amy ze he'e jinanjin-dravembia'ay. 23 Aa ia
ka ty fifeheañe ambone' ty tane toy mañirinkiriñe ondati'o Israeleo, ie navoten'
Andrinañahare hijebañe aze hondati'e, hanoa'e tahinañe, hitoloña'e raha fanjaka
naho tsitantane ho an-tane'o añatrefa' ondaty jineba'o amo fifeheañeo naho amo
'ndrahare'eo ho azo boak' an-tane Mitsraimeo? 24 naho najado'o ho azo ondati'o
Israeleo ho foko'o nainai'e, ry IEHOVÀ vaho te Ihe ro Andrianañahare' iareo. 25 Ie
amy zao, ry IEHOVÀ Andrianañahare, ajadoño ho nainai'e i nitsarae'o o mpitoro'oo
naho i anjomba'eiy; aa le ano i linaño'oy. 26 Honjoneñe nainai'e ty tahina'o, soa te ho
saontsieñe ty hoe: IEHOVÀ' i Màroy ro Andrianañahare' Israele; vaho hioreñe nainai'e
añatrefa'o ty anjomba' o mpitoro'o Davideo. 27 Fa nabenta'o amo mpitoro'oo, ry
IEHOVÀ' i Màroy, Andrianañahare' Israeleo ami'ty hoe: Handranjiako anjomba; aa le
nahasibek' an-troke ty mpitoro'o hitaroñe o halaly zao. 28 Toe Ihe ry Talè IEHOVÀ, Ihe
avao ro Andrianañahare, naho o tsara'oo ro to vaho nampitamae'o amo mpitoro'oo
o raha soa zao; 29 ie henaneo, ehe te ho no'o ty hitahy ty akibam-pitoro'o hitoloña'e
nainai'e añatrefa'o, ty amy nitsara'oy ry Talè IEHOVÀ; le lonik' abey te ho soa-tahy
nainai'e ty akibam-pitoro'o am-pitahia'o.

# 8

1 Ie añe, linafa' i Davide o nte-Pilistio le navoho'e ambane vaho tinava' i Davide
am-pità' o nte Pilistio ty renen-drova' iareo. 2 Linafa'e ka o nte-Moabeo le zinehe'e
an-taly, ie nampibaboheñe an-tane eo; nanjehe taly roe ho zamañe, le nitana'e ho
veloñe ty taly raike. Aa le nitoroñe i Davide o nte-Moabeo, nañenga ama'e. 3 Linafa'
i Davide ka t'i Kadadetsere ana' i Rekobe, mpanjaka' i Tsobà, amy nionjona'e mb' an-
tsaka Eofrata mb'eo hampijadoñe ty fifehea'e. 4 Tinava' i Davide ama'e ty mpiningi-
tsoavala arivo-tsi-fiton-jato, naho lahindefoñe ro' ale; le nanoe' i Davide fira-sintake
iaby o soavalan-tsareteo naho tsy ty zato nahaja'e ho an-tsarete zato. 5 Aa ie pok'eo
o nte-Arame boake Damasek' añeo hañolotse i Kadadetsere mpanjaka' i Tsobà, le
zinevo' i Davide ty ro-ale-tsi-ro-arivo lahindefo' o nte-Arameo. 6 Nampipoha' i Davide
e Arame' i Damasek' ao ty mpirai-lian-dahindefoñe naho nanoeñe mpitoro' i Davide o
nte-Arameo, vaho nañenga ama'e. Tinolo' IEHOVÀ fandreketañe amy ze nomba'e iaby
t'i Davide. 7 Rinambe' i Davide ze fikalan-defo volamena amo mpitoro' i Kadadetsereo
vaho nasese'e e Ierosalaime añe. 8 Le nangalà' i Davide torisike tsifotofoto ty Betà
naho i Berotae, rova' i Kadadetsere.

9 Aa ie jinanji' i Toy, mpanjaka' i Kamate te fonga zinevo' i Davide ty valobohò'
i Kadadetsere, 10 le nampihitrife' i Toy amy Davide mpanjaka ty ana'e Iorame,
hañontane aze naho hitata aze ty amy nialia'e i Kadadetsere naho nahagioke; fa
nimpialy amy Toy t'i Kadadetsere, le nandesa' Iorame fanake volafoty naho fanake
volamena vaho fanake torisike. 11 Nengae' i Davide mpanjaka am' IEHOVÀ zay, mindre
amo volafoty naho volamena navi'e boak' amo hene fifeheañe nampiambanea'eoo:
12 boak' Arame naho i Moabe naho amo ana' i Amoneo naho amo nte-Pilistio naho
amy Amaleke vaho amo nikopaheñe amy Kadadetsere, ana' i Rekobe, mpanjaka'
i Tsobàio. 13 Nahazo asiñe t'i Davide te nimpoly amy nandafañe o nte-Arameo
am-bavatanen-tsira ao, ondaty rai-ale-tsi-valo-arivo. 14 Nampipoha'e mpirai' lia t'i
Edome, toe nitsitsihe'e mpirai-lia ty Edome vaho hene natao mpitoro' i Davide o nte-
Edomeo. Natolo' IEHOVÀ amy Davide ty fandreketañe ndra aia'aia ty nomba'e.

15 Nifelehe' i Davide t'Israele iaby naho nizaka ze hene ondati'e an-kavantañañe
naho an-kavañonañe. 16 Ioabe ana' i Tseroia ty nifehe i valobohòkey; naho

mpamolily t'Iehosafate, ana'i Akilode; 17 mpisoroñe t'i Tsadoke* ana' i Akitobe naho
i Akimelek' ana' i Abiatare; naho mpitan-tsokitse t'i Sereià; 18 naho mpifehe' o nte-
Keretìo naho o nte-Peletìo t'i Benaià, ana' Iehodaià; vaho talèm-pifehe o ana' i
Davideo.

# 9

1 Aa hoe t'i Davide: Mbe aman-tsehanga'e hao ty anjomba' i Saole hampiboahako
fañisohañe Ionatane? 2 Ie amy zao teo ty boak' añanjomba' i Saole, ty mpitoroñe
atao Tsibà, le kinanji' iereo ho mb'amy Davide mb'eo, le hoe i mpanjakay ama'e:
Ihe hao o Tsiba zao? le hoe re: Ie o mpitoro'oo. 3 Le hoe i mpanjakay tama'e:
Aa vaho tsy nampipoke sehanga'e hao ty anjomba' i Saole hañasoako am-patarihan'
Añahare? Le hoe t'i Tsibà amy mpanjakay. Toe mbe aman' anake kepek' am-pandia'e
t'Ionatane. 4 Le hoe i mpanjakay tama'e: Aia re? Le hoe t'i Tsibà amy mpanjakay,
Oniño t'ie añ'anjomba' i Makire ana' i Amiele e Lo-debare añe. 5 Aa le nampañitrife'
i Davide, mpanjaka boak' añ' anjomba' i Makire e Lo-debare ao. 6 Niheo mb'amy
Davide mb'eo t'i Mefibosete, ana' Ionatane, ana' i Saole, nibabok' an-dahara'e naho
nidrakadrakake. Le hoe t'i Davide: O Mefibosete! Hoe ty natoi'e: Intoy o mpitoro'oo!
7 Le hoe t'i Davide ama'e: Ko hemban-drehe, fa toe hisoheko ty am' Ionatane rae'o,
naho hene hampoliko ama'o ty tane' i Saole rae'o vaho hikama am-pandambañako
eo nainai'e rehe. 8 Niambanea'e le nanao ty hoe: Ino o mpitoro'oo te haoñe'o o
amboa mate manahak' ahio?
9 Kinanji' i mpanjakay amy zao t'i Tsibà mpitoro' i Saole, le nanoa'e ty hoe: Fa hene
natoloko amy anan-talè'oy ty fanaña' i Saole naho i anjomba'ey. 10 Havae'o naho o
ana'o naho mpitoro'oo ho aze i taney vaho hatonto' areo o voka'eo soa te hanañe
mahakama ho kamae'e i anan-talè'oy; fe hikama nainai'e am-pandambañako t'i
Mefibosete anan-talè'o. Toe nanañ' ana-dahy folo-lim' amby naho mpitoroñe roapolo
t'i Tsibà. 11 Aa le hoe ty asa' i Tsibà amy mpanjakay: Hanoe' o mpitoro'oo i nandilia'
i talèko mpanjakay amo mpitoro'oo; aa le nikama ampandambaña'e eo re manahake
te raik' amo ana-dahi' i mpanjakaio t'i Mefibosete. 12 Nanañ' anadahy tora'e ka
t'i Mefibosete, Mika ty añara'e. Songa nimpitoro' i Mefibosete o mpimoneñe añ'
anjomba' i Tsibào. 13 Fe nimoneñe e Ierosalaime ao t'i Mefibosete, amy te mpikama
am-pandambaña' i mpanjakay, ie nikepek' am-pandia'e roe.

# 10

1 Ie añe, le nivilasy ty mpanjaka' o ana' i Amoneo, vaho nandimbe aze ho mpifehe
t'i Khanone, anadahi'ey. 2 Le hoe t'i Davide: Hanolorako isoke t'i Khanone ana' i
Nakase, amy te nañasoa ahy ty rae'e. Aa le nahitri' i Davide am-pitàm-pitoro'e ty
rano manintsiñe hañohòa'e ty aman-drae'e. Le niheo mb'an-tanen' ana' i Amone
mb'eo o mpitoro' i Davideo. 3 Fe hoe o ana-dona' i Amoneo amy Khanone, talè' iareo:
Hiasy an-drae'o hao ty nañitrifa' i Davide mpañohò ama'o? Te mone nampihitrife'
i Davide hisarisary i rovay o mpitoro'eo handrotsaha'e. 4 Aa le rinambe' i Khanone
o mpitoro' i Davideo naho niharate'e ty vaki' o somo'eo naho tinampa'e añivo'e o
siki'eo pak' am-piambesara' iareo, vaho niroahe'e mb'eo. 5 Ie natalily amy Davide,
le nampisangitrifa'e añe, fa nivata'e salatse indaty rey. Le hoe i mpanjakay tama'e:
Mandiñisa e Ieriko añe ampara' te mitombo o tanteahe' areoo vaho mimpolia.
6 Aa ie nioni' o ana'i Amoneo t'ie nihamantiñe amy Davide, le nañirake o ana' i
Amoneo naho nikaramà'e o nte-Arame e Bete-Rehobeo, naho o nte-Arame e Tsobào,
lahindefo ro' ale, naho ty mpanjaka' i Maakà reketse lahindefo arivo, vaho o nte-Tobe
rai-ale-tsi-ro-arivo. 7 Aa ie jinanji' i Davide, le nirahe'e t'Ioabe, naho ty valobohò'

* **8:17** Tsadoke: to, nañatoàñe; fokom-pisoroñe

o fanalolahio. 8 Niavotse o ana’ i Amoneo naho hinajari’ iareo am-pimoahañe an-
dalambey ey i hotakotakey; le nitokañe an-kivoke ey ka o nte-Arame’ i Tsobào, naho
o a i Rekobeo, naho ondati’ i Tobe vaho i Maakào. 9 Ie nioni’ Ioabe te nilahatse
aolo’e naho amboho’e i aliy, le jinobo’e iaby ze fanalolahi’ Israeleo, vaho riniri’e
hiatreke amo nte-Arameo; 10 nafanto’e am-pità’ i Abisay rahalahi’e ty ila’ ondatio,
vaho nalaha’e hiatreke o nte-Amoneo. 11 Le hoe re: Naho maozatse te amako o
nte-Arameo le oloro, fe naho fatratse te ama’o o ana’ i Amoneo le homb’eo raho
hañimba azo. 12 Mahavania, ehe te ho ventèñe am’ ondatin-tikañeo naho amo rovan’
Añaharen-tikañeo te maozatse tika; vaho te hanoe’ IEHOVÀ ze arofoana’e ho soa. 13 Aa
le nañarine hiatreatre amo nte-Arameo t’Ioabe naho o mpiama’eo vaho nitriban-day
aolo’eo iereo. 14 Ie nitrea’ o ana’ i Amone te nibañe añe o nte-Arameo, le nitriban-day
añatrefa’ i Abisay ka iereo nimoak’ an-drova ao. Aa le napo’ Ioabe o ana’ i Amoneo
naho nimpoly mb’e Ierosalaime mb’eo.
15 Ie trea’ o nte-Arameo te ginio’ Israele, le nifanontoñe. 16 Le nañirake t’i
Kadadetsere, naho nakare’e o nte-Arame alafe’ i sakaio; le nimb’e Kelame mb’eo
rekets’ i Sobake, mifehe ty valobohò’ i Kadadetsere ho mpiaolo. 17 Nitaliliañ’ amy
Davide, le natonto’e iaby t’ Israele, naho nitsake Iordaney naho nivotrake e Kelame eo.
Nihajarie’ o nte-Arameo ty fanamea’ iareo i Davide vaho nialia’e. 18 Nitriban-day aolo’
Israele o nte-Arameo; le zinama’ i Davide ty mpinday sarete fiton-jato, naho mpiningi-
tsoavala efats’ ale amo nte-Arameo, naho vinono’e t’i Sobake mpiaolo’ ty valobohò’
iareo vaho nihomak’ eo. 19 Aa ie nioni’ o mpanjaka mpitoro’ i Kadadetsereo te
nahagioke t’Israele, le nifampilongo am’ Israele vaho nitoroñ’ aze. Aa le nihembañe
tsy handrombake o ana’ i Amoneo ka o nte-Arameo.

# 11

1 Ie an-tsam-pamalihan-taoñe, i sam-piavotam-panjaka hihotakotakey, le nirahe’
i Davide t’Ioabe, rekets’ o mpitoro’eo, naho Israele iaby; le rinotsa’ iereo o ana’
i Amoneo vaho niarikatohe’ iereo t’i Ramà. F’ie nitambatse e Ierosalaime ao t’i
Davide. 2 Aa teo ty hariva te nitroatse am-pandrea’e t’i Davide, naho nidraidraitse
an-tafon’ anjomba’ i mpanjakay; ie an-tafo ey ro nahatalake ty rakemba niandro;
nimontramontra i rakembay, hasoa-vintañe. 3 Nampañitrike hañontane i rakembay
t’i Davide. Le hoe re: Tsy ie hao i Batesevae, ana’ i Eliame, tañanjomba’ i Orià
nte-Kite? 4 Aa le nampihitrife’ i Davide; ie niheo mb’ama’e ao, niolora’e, aa ie fa
nañefe-batañe amy haleora’ey ro nimpoly añ’anjomba’e ao. 5 Niareñe i rakembay
vaho nirahe’e amy Davide ty hoe: Mivesatse raho.
6 Aa le nafanto’ i Davide amy Ioabe ty hoe: Iraho mb’amako mb’etoa t’i Orià nte-
Kite. Aa le nirahe’ Ioabe mb’ amy Davide t’i Orià. 7 Aa ie pok’ ama’e t’i Orià, le
nañontanea’ i Davide te nanao akore t’Ioabe, naho ondatio naho i fañotakotaha’
i aliy. 8 Le hoe t’i Davide amy Orià: Akia, mizotsoa mb’añ’ akiba’o mb’eo, naho
manasà fandia. Aa le niavotse añ’ anjomba’ i mpanjakay t’i Orià vaho nampañoriheñ’
aze ty mahakama, ravoravo boak’ amy mpanjakay. 9 Fe nirotse an-dalan’ anjomba’
i mpanjakay t’i Orià mindre amo mpitoro’ i talè’ey iabio vaho tsy nizotso mb’
añ’anjomba’e mb’eo. 10 Aa ie natalily amy Davide ty hoe: Tsy nizotso mb’añ’
anjomba’e mb’eo t’i Orià. Le hoe t’i Davide amy Orià, Tsy vaho nihirik’ an-dia-
lava v’iheo? Aa vaho akore t’ie tsy nizotso mb’ añ’anjomba’o mb’eo? 11 Le hoe t’i
Orià amy Davide: Songa mimoneñe an-kibohotse i vatam-pañinay, naho Israele, vaho
Iehodà; mbore mitobe an-kivok’ ey t’Ioabe talèko mindre amo mpitoron-talèkoo; aa
le himoak’ añ’ anjombako ao hao raho hihinañe naho hinoñe, vaho handre amy
valikoy? Kanao velon-drehe naho veloñe ty arofo’o, tsy hanoeko. 12 Le hoe t’i
Davide amy Orià: Mahaliñisa atoy hey te anito, le hengako hiavotse te maray. Aa
le niambesatse e Ierosalaime ao t’i Orià amy andro zay; le ie loakandro 13 nikanjie’

i Davide naho nikama naho ninoñe ama'e; vaho nimamoe'e; le niakatse añe re te
hariva nandre am-pandreañe mindre amo mpitoro' i taleio, fe tsy nizotso mb' añ'
anjomba'e mb'eo.
14 Aa ie maraiñe, nanokitse taratasy am' Ioabe t'i Davide, vaho nampisangitrifa'e
am-pità' i Orià. 15 Le hoe ty sinoki'e amy taratasiy: Apoho aolo amy hotakotake
miforoforoy t'i Orià, le isitaho, soa t'ie ho fofoheñe hivetrake. 16 Ie amy zao, naho
nisary i aliy t'Ioabe le nafanto'e hitoetse amo fanalolahio t'i Orià. 17 Aa le niavotse
ondati' i rovaio, nifandraparapak' am' Ioabe; nitsingoro eo ty ila' ondatio, naho ty ila'
o mpitoro' i Davideo; vaho nihomake ka t'i Orià nte-Kite. 18 Le nañirake t'Ioabe naho
nitalily i aliy amy Davide; 19 le hoe ty nafanto'e amy nampihitrifa'ey: Ie fa nitalilie'o
amy mpanjakay i aly iabiy, 20 naho miforoforo ty haviñera' i mpanjakay, manao ama'o
ty hoe: Aa vaho akore t'ie niheo mb'eo hialy marine i rovay hoe zao? Tsy nifohi' areo
t'ie hitifitse boak' ambone' i kijoliy ey? 21 ia ty nañoho-doza amy Akimelek' ana'
Ierobesete? tsy roakemba hao ty nametsake vato-fandisanañe-ambone ama'e boak'
an-kijoly ey nampihomak' aze e Tebetse añe? Aa vaho manao akore te niharinea'
areo i rindriñey? le hoe ty hatao'o: Nihomake ka i mpitoro'o Orià nte-Kitey. 22 Aa
le nimb'eo i nafantokey vaho natalili'e amy Davide iaby i nampañitrife' Ioabe azey.
23 Le hoe i ìrakey amy Davide: Toe naname anay ondatio naho niakatse mb' ama'ay
an-kivoke ey fe nampolie'ay pak' am-pimoahañe an-dalam-bey eo. 24 Le hiniriri' o
mpitàm-paleo o mpitoro'oo boak' amy kijoliy, naho amo mpitoro' i mpanjakaio ty
nivetrake, vaho nihomake ka t'i Orià nte-Kite mpitoro'oy. 25 Aa le hoe t'i Davide amy
nihitrikey: Ty hoe ty ho enta'o am' Ioabe: Ehe te tsy hampioremeñe azo o raha zao fa
tsy mete tsy mampibotseke mb'eo mb'eo avao i fibaray; ampaozaro ty fihotakotaha'o
amy rovay vaho rotsaho. Osiho re. 26 Ie jinanji' i tañanjomba' i Oriày te vilasy t'i Orià
vali'e le nandala'e. 27 Ie añe i fandalà'ey le nahitri' i Davide ty holia'e añ'anjomba'e
ao naho nengae'e ho vali'e vaho nisamak' ana-dahy ho aze. Fe tsy ninò' Iehovà i
nanoe' i Davidey.

# 12

1 Aa le nirahe' Iehovà amy Davide t'i Natane. Le nomb' ama'e mb'eo nanao ty
hoe: Teo t'indaty roe androva raike: mpañaleale ty raike, naho rarake ty raike.
2 Nitsifotofoto ty lia-raike naho ty mpirai-tro' i mpañalealey; 3 fe nipoi'e i rarakey
naho tsy ty anak' añondry vave raike vinili'e naho nibeize'e; ie nibeizeñe ama'e naho
amo keleia'eo, nihinana'e ka i tsindro'ey naho ninoñe amy fitovi'ey vaho nandre
añ'arañа'e eo vaho nihoe anak' ampela ama'e. 4 Pok' amy mpañalealey amy zao
ty mpañavelo, le nado'e, tsy nangala'e i lia-rai'ey, hañajaria'e ho a i mpañavelo
nivotrak' ama'ey, fe rinambe'e i vik' añondri' i rarakeiy vaho nihajarie'e ho a indaty
nivotrak' ama'ey. 5 Niforoforo am' indatiy ty haviñera' i Davide; le hoe re amy
Natane : Kanao veloñe t'Iehovà mañeva hakoromake indaty nanao i raha zaiy;
6 vaho havaha'e in' empatse i vik' añondriy, amy nanoa'e o haloloañe zaoy, ie tsy
niferenaiñe indatiy. 7 Aa hoe t'i Natane amy Davide, Ihe 'nio ondatio. Hoe t'Iehovà
Andriananañahare' Israele: Norizako ho mpanjaka' Israele rehe, naho rinombako am-
pità' i Saole; 8 natoloko azo ka ty anjomban-talè'o, naho o valin-talè'oo ho añ' araña'o,
naho natoloko azo ty anjomba' Israele naho Iehodà; aa naho niloho-kede ama'o
zay ho nitompeako zao naho zao iaby. 9 Inoñ' arè ty nitsambolitioa'o ty tsara'
Iehovà, hanoa'o haratiañe am-pahatreavako? Zinevo'o am-pibara t'i Orià nte-Kite
naho rinambe'o ho vali'o i tañanjomba'ey, ie vinono'o am-pibara' o ana' i Amoneo.
10 Ie amy zao, le lia'e tsy hienga ty anjomba'o i fibaray amy te nitsambolitioa'o Ahiy,
vaho rinambe'o ho vali'o ty vali' i Orià. 11 Hoe t'Iehovà: Inao! hampitroboeko añ'
anjomba'o ao ty hankàñe, naho ho tavaneko añatrefam-pihaino'o o vali'oo naho

hatoloko ami'ty marine azo, ie hifandia tihy amo vali'oo ampahatreava' i àndroy.
12 Ihe nanao aze añetake fa izaho ka ro hampidodea o raha zao añatrefa' Israele iaby
naho añatrefa' i àndroy. 13 Le hoe t'i Davide amy Natane: Aman-kakeo am' IEHOVÀ
raho. Le hoe t'i Natane amy Davide: Fa napo' IEHOVÀ ka i tahi'oy; tsy hihomake rehe.
14 Fe amy te nanokafa'o lalañe o rafelahi' IEHOVÀo amy sata'oy, hiteratera, le tsy mete
tsy ho simba ty ajaja ho samahe'o.

15 Nimpoly mb'añ' anjomba'e mb'eo t'i Natane. Le pinao' IEHOVÀ ty ajaja sinama' i
vali' i Oriày amy Davide, vaho narare mafe. 16 Nihalalie' i Davide aman Añahare
i ajajay, naho niliilara' i D'avide, vaho ie nimoake ao, le mandre an-tane avao
amy haleñey. 17 Niongak' amy zao o androanavi' i anjombaio le nijohañe añ'ila'eo
hampitroatse aze boak'an-tane; fe tsy nimete, vaho tsy nitraofa'e fikama. 18 Ie amy
andro fahafitoy, nimate i ajajay. Le nihembañe o mpitoro' i Davideo tsy nahavany
hisaontsy ama'e te simba i ajajay; fa hoe iereo: Inay, ie mbe niveloñe i ajajay, naho
nisaontsen-tika le tsy hinao'e ty feon-tika; antsake te atalily aze te simba i ajajay,
te mone hanolo-tsotry aze? 19 Fe nioni' i Davide te niharo fivesoveso o mpitoro'eo
vaho nifohi' i Davide te nimate i ajajay; le hoe t'i Davide amo mpitoro'eo: Simba
hao i ajajay? Le hoe iereo: Simba. 20 Niongake boak' an-tane amy zao t'i Davide
le nisasa naho nihosotse naho novae'e o saro'eo; le nimoak' añ' anjomba' IEHOVÀ,
nitalaho; naho nimoak' añ'anjomba'e; le nanjotsoa' iareo mahakama t'ie nanohiñe,
vaho nikama. 21 Le hoe o mpitoro'eo tama'e: Ino o nanoe'o zao? ihe nililitse naho
nirovetse te niveloñe i ajajay; f'ie nisimba i ajajay, le nitroatse rehe vaho mikama.
22 Aa le hoe re: Naho mbe niveloñe i ajajay le nililirako naho nirovetako, fa nataoko
te: Ia ty mahafohiñe hera hañisok' ahy t'IEHOVÀ vaho hitambeloñe i ajajay? 23 F'ie
mate henaneo, ino ty hililirako? hahafivañom-beloñe aze hao? Toe homb' ama'e añe
raho f'ie tsy himpoly amako. 24 Aa le nihohòe' i Davide t'i Batesevàe vali'e, le nizilik'
ama'e ao naho niolora'e, naho nisamak' anadahy vaho natao'e Selomò ty añara'e.
Le nikokoa' IEHOVÀ; 25 vaho nirahe'e am-pità' i Natane mpitoky; le tinoka'e ty hoe
Iedidià ty añara'e, ty amy IEHOVÀ.

26 Ie henane zay nialy amy Rekabe anak' Amone, t'Ioabe vaho rinambe'e i rovam'
panjakay. 27 Aa le nampañitrike ìrak' amy Davide re nanao ty hoe: Fa nialiako ty
Rakabe, eka, fa rinambeko i rovan-dranoy. 28 Aa le atontono ty ila'ondatio naho
mitobea haname i rovay, naho tavano, kera zaho ty handrambe i rovay, le ho
tokaveñe ami'ty añarako. 29 Aa le natonto' i Davide ondaty iabio, naho nionjomb'e
Rakabe mb'eo naho nifandraparapak' ama'e vaho rinambe'e, 30 le rinambe'e ami'ty
añambone' i Malkame ty sabaka'e; talenta volamena ty lanja'e naho nampipetaham-
batosoa; vaho napetak' añambone' i Davide. Tsifotofoto ty vara nikopahe'e amy
rovay. 31 Nakare'e iaby ondatio naho nampitoloñe'e lasý naho lasarý viñe naho
fekom-bý vaho nampanodore'e birike; zay ty nanoe'e amo fonga rova' o nte Amoneo
vaho nimpoly mb'e Ierosalaime añe t'i Davide naho ondaty iabio.

# 13

1 Ie añe, nanan-drahavave soa vintañe t'i Absalome ana'i Davide, Tamare ty
añara'e; le nikokoa' i Amnone ana' i Davide. 2 Akore ty fioremèña' i Amnone kanao
nisiloke ty amy Tamare rahavave'e; ie mbe tsy nahavany lahy; aa le hoe nisarotse amy
Amnone ty hanao ndra inoñ' inoñ'ama'e. Fe nanan-drañetse t'i Amnone, Ionadabe
ty tahina'e, ana' i Simeà, rahalahi' i Davide; loho nahay fañahy t'Ionadabe. 4 Le hoe
re tama'e: Aa vaho akore te ihe anam-panjaka ro minìke avao handro am-pohatse?
Tsy hatalili'o ahy hao? le hoe t'i Amnone ama'e:

Kokoako t'i Tamare rahavave' i Absalome. 5 Aa le hoe t'Ionadabe ama'e: Mandrea
am-pandrea'o, le manoa sare siloke; aa ie mb'eo ty rae'o hisary azo, le ano ty

hoe: Ehe, ampombao mb’etoa ty rahavaveko Tamare, hamahana’e mofo ahy, naho
hañalankañe mahakama añatrefako atoy, hahatreavako aze naho hihinanako an-
taña’e. 6 Aa le nàndre eo t’i Amnone, mintse narare; le ie nitilik’ aze i mpanjakay,
hoe t’i Amnone amy mpanjakay: Ehe, angao homb’ etoa ty rahavaveko Tamare
hamboatse bokoboko mofo tsy ampeampe am-pahatreavako, hihinanako an-taña’e.
7 Aa le nampañitrik’ añ’ akiba’ i Tamare añe t’i Davide nanao ty hoe: Akia mb’ añ’
anjomban-drahalahi’o Amnone mb’eo, vaho añalankaño mahakama. 8 Aa le nimb’
añ’anjomba’ i Amnone rahalahi’e mb’eo t’i Tamare; ie nandre ao. Nandrambe koba
re le trinobotrobo’e naho nanao bokoboko-mofo am-pahaisaha’e vaho natoña’e i
mofoy. 9 Rinambe’e amy zao ty finga le nazotso’e*; f’ie tsy nimete nikama. Fa hoe t’i
Amnone, Mienga ahy ze lahilahy. Le hene niakatse ama’e ondatio.
10 Le hoe t’i Amnone amy Tamare: Endeso an-traño atoy i haneñey hihinanako an-
taña’o. Aa le rinambe’ i Tamare o bokomofo nanoe’eo vaho nendese’e mb’ an-traño
ao hazotso’e amy Amnone rahalahi’ey. 11 Aa ie nañarine aze hanjotsoa’e, hikama, le
nivihine’e vaho nanoe’e ty hoe, Antao rahavaveko, miharoa tihy amako. 12 Le hoe
ty natoi’e aze: Aiy! ry rahalahiko, ko azì’o; fa tsy fanoeñe e Israele ao o raha zao;
ko anoe’o o haloloañe zao. 13 Le zaho, aia ty hivaveako ty hasalarako? ihe ka ty ho
mpiamo halò-tsere’ Israeleo. Aa le, miambane ama’o, misaontsia amy mpanjakay
fa tsy ho tana’e ama’o raho. 14 Fe tsy hinao’e ty fiarañanaña’e; aa kanao naozatse
te ama’e, nazì’e hiolotse. 15 Nalaiñe aze amy zao t’i Amnone am-palaim-binta-mena;
toe nandikoatse i nikokoa’e azey ty falai’e henane zao. Le hoe t’i Amnone ama’e,
Mitroara, akia. 16 Le hoe re tama’e: Aiy avao, fa lombolombo’ i raty nanoe’o amakoy
o fampisintaha’o ahy ama’oo, fe tsy hinao’e. 17 Le kinoi’e i mpitoro’e mpiatrak’ azey,
Apitsoho amako ty ampela toy vaho sikadaño o lalañeo t’ie miakatse 18 (Ie amy zao
nisikiñe lamba maro-volo, toe sikiñe lava mireparepa nisikina’ o somondrara ana’
i mpanjakaio). Aa le nakare’ i mpitoro’ey vaho sinikada’e i lalañey t’ie niakatse,
19 le nampipoke lavenoke añambone’e t’i Tamare naho rinia’e i siki’e maro-volo
nisikina’ey naho nasampe’e añambone’e eo o taña’eo vaho nandeha; nikoaike t’ie
nimb’eo. 20 Le hoe t’i Absalome rahalahi’e ama’e, Nindre ama’o hao t’i Amnone
rahalahi’oy? aa mitsiña hey ry rahavaveko: ie rahalahi’o, ko tana’o an-tro’o ao o
raha zao. Aa le nitambatse añ’ anjomba’ i Absalome rahalahi’e ao re, nihontoke.
21 Aa ie jinanji’ i Davide le niforoforo; 22 vaho tsy nisaontsy ndra soa ndra raty amy
Amnone ka t’i Absalome; fa niheje’ i Absalome vintañe t’i Amnone, amy namahora’e
i Tamare rahavave’ey. 23 Ie taoñe roe añe, naho e Baale-katsore añ’ila’ i Efraime
ey o pañitsi-bolon’ añondri’ i Absalome; le hene nambara’ i Absalome o ana-dahi’ i
mpanjakaio. 24 Aa le niheo amy mpanjakay mb’eo t’i Absalome nanao ty hoe: Inao
te amam-pañitsik’ añondry ty mpitoro’o; aa ehe te hindre lia ami’ty mpitoro’o rehe
rekets’ o mpitoro’oo. 25 Fe hoe i mpanjakay amy Absalome: Aiy, anako, ee te tsy
hañavelo mb’eo iaby tika hera havesatse ama’o. Aa ndra t’ie nazì’e tsy nimete ho
mb’eo, fe nitatae’e. 26 Aa naho tsie, le apoho hindre ama’ay t’i Amnone rahalahiko.
Le hoe i mpanjakay tama’e: Ino ty hindreza’e ama’o? 27 Mbe nazi’ i Absalome, vaho
nado’e hindre ama’e iaby t’i Amnone naho o ana-dahi’ i mpanjakaio. 28 Linili’ i
Absalome amy zao o mpitoro’eo, ami’ty hoe: Inao, hey, naho falefale amy divaiy ty
arofo’ i Amnone naho manao ty hoe ama’ areo raho, Lafao t’i Amnone, le vonò, ko
hembañe, tsy fa liniliko? Mahasibeha, naho mahimbaña. 29 Aa le nanoe’o mpitoro’
i Absalomeo amy Amnone i nandilia’ i Absalomey. Le songa niongake o anam-
panjakao, niningitse borìke vaho nitriban-day.
30 Ie mbe an-dala mb’eo, le niheo amy Davide ty rehake nanao ty hoe: Fa zinama’
i Absalome iaby o anam-panjakao vaho tsy nengan-konka’e. 31 Niongak’ amy zao

* 13:9 Heb: naili’e

i mpanjakay, nandriatse o saro'eo, le nibabok' mb'an-tane; le nijohañe eo iaby o
mpitoro'eo aman-tsiky riniatse. 32 Aa hoe ty natoi' Ionadabe, ana'i Simeà, rahalahi'
i Davide, Ehe tsy hatao' ty talèko te fonga zinama' iareo o ajalahy anam-panjakao;
fa i Amnone avao ty nihomake; toe namantaña' i Absalome 'nio boak' amy andro
namahorañe i Tamare rahavave'ey. 33 Aa ee tsy ho rambese' i talèko mpanjaka
añ'arofo'e te fonga nikoromake o ana-dahi' i mpanjakaio; fa i Amnone avao ty
nihomake. 34 Nienga an-day ka t'i Absalome. Niandra amy zao ty ajalahy mpijilojilo
le nahatalake ondaty maro nimb'eo amboho aze niary añ' ila' i vohitsey. 35 Le hoe
t'Ionadabe amy mpanjakay: Hehe te mb'etoa o ana-dahim-panjakao, manahake i
vinolam-pitoro'oy, ie henaneo. 36 Ie vaho nampigadoñe i saontsi'ey le ingo pok'eo
o ana-dahim-panjakao; nampipoña-peo nangolololoike, vaho nangoihoy ty rovetse
ka i mpanjakay rekets' o mpitoro'e iabio. 37 Fe niherereake mb'e Talmay ana' i
Amihode mpanjaka' i Gesore añe t'i Absalome; vaho nirovetse i ana'ey lomoñandro
lomoñandro t'i Davide. 38 Aa le nilay mb'e Gesore t'i Absalome vaho nitambatse
añe telo taoñe. 39 Nahakoretse ty arofo' i Davide ty hamaniña'e i Absalome; f'ie
nanintsiñe ty amy Amnone kanao nihomake.

# 14

1 Nioni' Ioabe ana' i Tseroià te amy Absalome ty arofo' i mpanjakay. 2 Nañitrik'
amy Tekoý* t'Ioabe, nangalake rakemba mahihitse boak' añe, le nanao ty hoe ama'e:
Miambane ama'o, ehe misarea mpandala, le mañombea sarom-pandalàñe, le ko
mihosotse menake, fa mintse rakemba ela nandala vilasy; 3 vaho akia mb'amy
mpanjakay mb'eo, misaontsia an-tsata zao. Aa le napo' Ioabe am-palie'e ty ho
saontsie'e. 4 Aa ie nisaontsy amy mpanjakay i rakemba nte-Tekoý, le nibabok' an-tane
eo, nidrakadrakake nanao ty hoe: Oloro ry mpanjaka. 5 Le hoe i mpanjakay tama'e:
Ino ty mañore azo? Le hoe re: Toe vantotse raho, mate valy. 6 Nanañ' anadahy
roe ty anak' ampata'o, aa ie nifanehak' an-kivok' añe, tsy teo ty hampifanarake
iareo fa zinevo' ty raike ty raike namono aze. 7 Ie amy zao, nitroatse niatreatre
ami' ty mpitoro'o o longo iabio nanao ty hoe: Aseseo i nañè-doza aman-drahalahi'ey
hamonoa'ay ty amy fiain-drahalahi'e zinevo'ey, handrotsaha' iareo ka ty mpandova.
Zay ty hamonoa' iareo ty sehangam-poroha mirekake, tsy hanañam-baliko ndra
tahinañe ndra tariratse ambone tane atoy. 8 Le hoe i mpanjakay tamy rakembay:
Mimpolia mb'añ' anjomba'o mb'eo, le hamantoke ty ama'o raho. 9 Aa le hoe i
rakemba nte-Tekoiý tamy mpanjakay: O ry talèko, mpanjaka, ee te ho amako ty
hakeo naho ami'ty anjomban-draeko vaho halio tahiñe ty fiambesa' i mpanjakay.
10 Le hoe i mpanjakay tama'e: Ndra iaia ty hiatreatre azo, aseseo amako le tsy ho
tsapae'e. 11 Aa le hoe re: Miambane ama'o, ehe te ho tiahi' i mpanjakay t'Iehovà
Andriananañahare'o, le tsy hijoy ka ty mpamale fate, tsy mone harotsa' iereo i anakoy.
Le hoe re: Kanao veloñe t'Iehovà, leo raik' ami'ty maroi' i ana'oy tsy hipok' an-
tane. 12 Le hoe i rakembay: Mihalaly ama'o: adono hinday entañe raik' amy talèko
mpanjakay ty anak' ampata'o. Le hoe re Misaontsia. 13 Aa hoe i rakembay: Ino
arè ty nikililia'o am'ondatin' Añahareo o raha zao, t'ie, amy saontsy zay ty mete
nampanan-kakeo i mpanjakay kanao tsy ampihitrife'e himpoly i naitoañey. 14 Amy te
hivetrake zahay, manahake ty rano nadoañe an-tane, ie tsy mete tovizeñe; tsy mirihy
ondaty t'i Andriananañahare; f'ie toe misafiry lalañe, soa tsy hatao añombelahi-mavo i
naitoañey. 15 Aa kanao nimb' etoa raho nanese o entañe zao amy talèko mpanjakay, le
amy te nañembañe ahy ondatio; le hoe raho, Ho volañeko amy mpanjakay henaneo,
hera hanoe'e ty halalim-pitoro'e. 16 Amy te hijanjiñe i mpanjakay, handrombake i
mpitoro'ey ampità' indaty te handrotsak' ahy naho i anakoy amy lovan' Añaharey.

* **14:2** Tekoý: antsiva: nañatò

17 Le hoe ty anak' ampata'o: Ehe te hañohò ahy ty saontsin-talèko mpanjaka; fa
hambañe ami'ty anjelin' Añahare ty talèko mpanjaka, hahafitsikarake ty soa ami'ty
raty; aa le ho ama'o abey t'IEHOVÀ Andrianañahare'o. 18 Le hoe i mpanjakay amy
rakembay: Ehe, ko aetak' amako ty hañontaneako azo. Le hoe i rakembay: Ehe
misaontsia, ry talèko mpanjaka. 19 Le hoe i mpanjakay: Tsy ama'o amo raha zao
hao ty fità' Ioabe? Le hoe ty natoi' i rakembay: Kanao veloñe ty arofo'o, ry talèko
mpanjaka, tsy eo ty mahafitolike mb'am-pitàn-kavana ndra havia amy nisaontsie'
i mpanjakaiy; fa toe nihalaly amako t'i Ioabe mpitoro'o, ie ty nampipoke i entañe
iaby zay am-bava' o anak' am-pata'oo; 20 ty hampiova ty tarehe' i rahay ty nanoe'
Ioabe mpitoro'o o raha zao; toe mahihitse o talèkoo hoe hihin' anjelin' Añahare,
hahafohina'e ze he'e an-tane atoy.

21 Aa le hoe i mpanjakay am' Ioabe: Mahaoniña arè, fa nanoeko; aa le akia,
hitrifo añe i ajalahy Absalome. 22 Nibabok' an-dahara'e mb'an-tane t'Ioabe naho
nidrakadrakake, vaho nañandriañe i mpanjakay, le hoe t'Ioabe: Fohi' ty mpitoro'o
henaneo te nahatrea fañisohañe am-pahaoniña'o ry talèko mpanjaka, ami'ty nanoe'
i mpanjakay i halalim-pitoro'ey. 23 Aa le niavotse t'Ioabe nimb'e Gesore mb'eo vaho
nendese'e mb'e Ierosalaime mb'eo t'i Absalome. 24 Le hoe i mpanjakay: Ampitoliho
mb' añ'anjomba'e mb'eo re tsy hahatrea ty tareheko. Aa le nivike mb'añ' anjomba'e
mb'eo t'i Absalome; vaho tsy niisa'e ty lahara' i mpanjakay. 25 Ie amy zao, tsy ia e
Israele ao ty nahazo engeñe ami'ty faràm-binta'e naho tsy i Absalome, ie tsy nanan-
kandra boak' an-delam-pandia'e pak' an-dengon' añambone'e. 26 Aa ie harate'e
ty añambone'e—amy t'ie niharatse i añambone'ey am-pigadoñan-taoñe, amy te
navesatse ama'e o maròi'eo, le nañitsifa'e—naho nandanja i maròi'ey le ni-roanjato
amy fandanjam-panjakay. 27 Nisamak' ana-dahy telo t'i Absalome, naho anak' ampela
raike, natao Tamare ty añara'e; ampela soa vintañe.

28 Aa le nimoneñe roe taoñe e Ierosalaime ao t'i Absalome vaho tsy niisa'e ty
lahara' i mpanjakay. 29 Le nampihitrife' i Absalome t'Ioabe, hañirake aze mb' amy
mpanjakay mb'eo; f'ie tsy nimete hiheo mb'ama'e; nampisangitrife'e fañindroe'e
fe tsy nimete homb'eo. 30 Aa le hoe re amo mpitoro'eo: Inao, marine i tetekoy ty
tete' Ioabe, akia ivaño afo. Aa le namiañ' afo an-tete'e ao o mpitoro' i Absalomeo.
31 Niongak' amy zao t'Ioabe, nimb' añ' anjomba'i Absalome mb'eo, nanao ty hoe
ama'e: Aa vaho akore ty nanodora' o mpitoro'oo i tetekoy? 32 Aa hoe ty natoi' i
Absalome Ioabe: Inao! toe nampihitrifeko ami'ty hoe: Mb'etoa, hañirahako azo amy
mpanjakay, hanao ty hoe: Ino ty nimpoliako boake Gesore añe? Ndra kitra'e mbe
nitambatse añe; aa ehe ampahaoniño ahy ty lahara' i mpanjakay; aa lehe aman-kakeo
raho, adono re hañoho-doza amako. 33 Niheo amy mpanjakay t'Ioabe, nitalily ama'e;
aa le kinanji'e t'i Absalome naho nimb'amy mpanjakay mb'eo nidrodrètse mb'an-
tane ty lahara'e añatrefa' i mpanjakay, vaho norofa' i mpanjakay t'i Absalome.

# 15

1 Heneke zay, le nihentseñe' i Absalome ty sarete reketse soavala naho lahilahy
lim' ampolo hihitrihitry aolo'e. 2 Nitroatse maraindray t'i Absalome naho nijohañe
añ' ila' ty lala' i lalambeiy; ie amy zay, naho nanan-kabò t'indaty ze ho nasese'e
amy mpanjakay ho zakae'e, le nikanjy aze t'i Absalome, nanao ty hoe: Aia ty rova
nihirifa'o? le hoe re: Boak' am-pifokoa' Israele raik' ao raho. 3 Le hoe t'i Absalome
ama'e: Inao! soa naho to o azoo; fe tsy aman-tsorotà hijanjiñe azo i mpanjakay.
4 Hoe ka ty natovo' i Absalome: Ee te zaho ty nanoeñe mpizaka an-tane' atoy, soa
te ho nimeako to ze ondaty miheo amako minday ty sisì'e ndra ty kabò'e. 5 Aa ie
nañarine aze t'indaty hiambane ama'e, le nahiti'e ama'e ty fità'e, le namihiñe aze,

vaho norofa'e. 6 Nanoe' i Absalome i sata zay amy ze nomb' amy mpanjakay boake
Israele iaby hipay to; aa le kinizo' i Absalome ty arofo'ondati' Israeleo.
7 Ie nimodo ty efa-taoñe, le hoe t'i Absalome amy mpanjakay: Mihalaly ama'o,
ehe, adono homb'eo hañondroke i nifantàkoy, i nanoeko am' IEHOVÀ e Kebroney.
8 Fa nanao fanta ty mpitoro'o t'ie nitoboke e Gesore' Arame añe, ami'ty hoe: Naho
toe hampolie' IEHOVÀ mb'e Ierosalaime mb'eo, le hitoroñe IEHOVÀ raho. 9 Le hoe i
mpanjakay tama'e: Akia am-panintsiñañe. Aa le niavotse mb'e Kebrone mb'eo re,
10 fe mone nañirake mpitrobo amo hene fifokoa' Israeleo t'i Absalome hanao ty hoe:
Ie mahajanjiñe ty feon' antsiva*, le hanao ty hoe nahareo: Mpanjaka e Kebrone ao t'i
Absalome. 11 Nindre amy Absalome boake Ierosalaime ao ty lahilahy roanjato, songa
nambarañe, f'ie nandeha an-tso-po, tsy nahafohiñe ty lengo'e. 12 Aa ie nañenga
soroñe t'i Absalome le nahitri'e t'i Akitofele nte Gilò, mpanolo-keve' i Davide, boak'
an-drova'e e Gilò añe. Le nihaozatse i kililiy amy te nitolom-pitombo ondaty amy
Absalomeo.
13 Niheo amy Davide amy zao ty mpitalily nanao ty hoe: Fa mañorike i Absalome
ty arofo' o nte' Israeleo. 14 Le hoe t'i Davide amo hene mpitoro'e nindre ama'e
e Ierosalaimeo: Miongaha, antao hibijoñe mb'eo tsy mone tsy hahafipoliotse amy
Absalome tika; malisà nahareo hienga, hera hiambotraha'e aniany, hañoho-doza
aman-tika, vaho ho lafà'e am-pibara ty rova toy. 15 Aa le hoe o mpitorom-panjakao
amy mpanjakay: Ingo, te veka'e hanao ze satrim-panjaka talèko o mpitoro'oo. 16 Aa le
niavotse i mpanjakay vaho nañorik' aze o añ'anjomba'e iabio. Fe nenga' i mpanjakay
ty rakemba sakeza'e folo hañambeñe i anjombay. 17 Nionjoñe mb'eo i mpanjakay,
mitraok' am' ondaty nañorik' azeo, le nitofa e Bete-hamerekàke† ao. 18 Nioza ama'e
o mpitoro'e iabio; o nte-Kerete iabio naho o nte-Pilisty iabio naho o nte-Gate iabio, i
lahindefo enen-jato nañorik' aze am-pandia boake Gate añe rey songa niary aolo' i
mpanjakay mb'eo. 19 Aa hoe i mpanjakay am' Itaie nte-Gate; Ino ty indreza'o ama'ay?
Mibaliha, mimoneña amy mpanjakay; fa renetane rehe, naho sese-tane boak' an-
toe'o añe. 20 Toe omale avao ty nivotraha'o eo, aa vaho hazìko hitrao fitroarañe
naho fizotsoañe ama'ay rehe te anito, izaho miheo mb'amy ze mete? Mimpolia,
ampibaliho miharo ama'o ka ondati'oo an-kasoa naho hatò. 21 Fe hoe ty natoi' Itaie
amy mpanjakay: Kanao veloñe t'IEHOVÀ naho veloñe ka ty talèko mpanjaka, le amy
ze toetse itoera' ty talèko mpanjaka, ke te fihomahañe he t'ie haveloñe, le toe ho eo
ka ty mpitoro'o. 22 Aa le hoe t'i Davide am' Itaie: Akia mitsaha. Le nitsake mb'eo
t' Itaie nte-Gate rekets' ondati'e iabio naho o keleiañe nindre ama'eo. 23 Nipoñafe'
i tane iabiy ty fangoihoiañe, le nitsake mb'eo ondaty iabio, naho nitsake i torahañe
Kidroney ka i mpanjakay vaho songa nitsake, mb' an-dalam-patrambey añe ondatio.
24 Nionjoñe mb'eo t'i Tsadoke rekets' o nte-Levy iabio, nitarazo i vatam-pañinan'
Añaharey; le napo' iareo ambane i vatan' Añaharey vaho nañenga soroñe t'i
Abiatare ampara' te niakatse i rovay ondaty iabio. 25 Aa hoe i mpanjakay amy
Tsadoke, Endeso mihereñe mb'an-drova ao o vatan' Añahareo; fa naho mahaoni-
pañisohañe am-pihaino' IEHOVÀ raho le hampoli'e mb'eo vaho songa hatoro'e ahy zay
naho i anjomba'ey, 26 fe naho ty hoe ty hatao'e: Tsy mahafale ahy rehe; le intoy raho;
ee te hanoe'e amako ze satri'e. 27 Le hoe ka i mpanjakay amy Tsadoke mpisoroñe:
Tsy oni'o hao? Aa le mimpolia mb'amy rovay ao ampanintsiñañe, ihe naho o ana-
dahi'o roe mindre ama'oo, i Akimatse ana'o, naho Ionatane ana' i Abiatare. 28 Inao te
hihenekeneke amonto' i fatrambeiy raho ampara' te mivotrak' amako ze ho taroñe'o
amako. 29 Aa le nitarazoe' i Tsadoke naho i Abiatare mb'e Ierosalaime mb'eo i vatan'
Añaharey vaho nitoetse ao. 30 Nionjomb' amy fitroara' i Vohits' Olivey mb'eo t'i
Davide nirovetse amy fiañambonea'ey mb'eo; nisaroñe ka ty añambone'e naho

* **15:10** Heb; sofare: antsiva an-tsifan'añondry † **15:17** Bete-hamerekake: anjomban-jeba'e;

nañavelo tsy aman-kana; songa nisaron-doha ondaty nindre ama'eo, aa le nitroatse,
sindre nangolololoike am-pionjonañe mb'eo.
31 Teo ty nitalily amy Davide ty hoe: Mpiamo mpikilily miharo amy Absalomeo
t'i Akitofele. Le hoe t'i Davide: O ry IEHOVÀ, mihalaly ama'o, ehe te hafote'o ho
hagegeañe ty tolo-keve' i Akitofele. 32 Ie amy zao, fa an-dengo' i fitroarañey t'i
Davide, amy fitalahoañe aman' Añaharey, le ingo, nifanalaka ama'e eo t'i Kosày
nte-Ereke, niriatse iaby ty saro'e, naho deboke ty añambone'e eo. 33 Le hoe t'i
Davide ama'e: Aa naho mindre mitsak' amako rehe, le ho entam-bey amako; 34 f'ie
mibalike mb'amy rovay ao, vaho manao ty hoe amy Absalome, Ho mpitoro'o raho, ry
mpanjaka, hambañe amy nitoroñako aman-drae'o taoloy ty hitoroñako azo. Ihe amy
zay ro hamaoke ty tolo-keve' i Akitofele. 35 Aa vaho tsy hindre ama'o ka t'i Tsadoke
naho i Abiatare mpisoroñe? Aa le ze janji'o añ'anjomba' i mpanjakay, ro talilie'o amy
Tsadoke naho i Abiatare mpisoroñe. 36 Ingo te mindre am' iereo i ana-dahi' iareo roe
rey i Akimatse ana' i Tsadoke naho Ionatane ana' i Abiatare; ie ro hañitrifa'o amako
ze he'e janjiñe'o. 37 Aa le niheo mb' an-drova ao t'i Kosay rañe' i Davide te antitotse
himoake an-drova ao t'i Absalome.

# 16

1 Ie vaho nilosore' i Davide ty lengo' i vohitsey, te nifanalaka ama'e ty Tsibà
mpitoro' i Mefibosete reketse borìke roe nidiañe; am' iereo ty boko-mofo roan-jato
naho firotorotom-baloboke maike zato naho fitsindrohañ' asara zato vaho ty zonjòn-
divay. 2 Le hoe i mpanjakay amy Tsibà: Hatao'o akore o raha zao? Le hoe t'i Tsibà: Ho
amo añ' anjomba' i mpanjakaio, hiningira'e o borìkeo, vaho ho fitendre' o ajalahio
o mofoo naho i fitsindrohañ' asaray; le ho finoma' ty midazidazìtse am-patrambey
añe i divaiy. 3 Le hoe i mpanjakay: Aa vaho aia i anan-talè'oy? Le hoe t'i Tsibà
amy mpanjakay: Inao, mitoetse e Ierosalaime ao re, ami'ty asa'e ty hoe: Hampolie'
i anjomba' Israeley amako te anito ty fifehean-draeko. 4 Le hoe i mpanjakay amy
Tsibà: Ingo, azo iaby ze a i Mefibosete. Le hoe t'i Tsibà: Miambane ama'o, ehe t'ie
hahatrea fañisohañe ama'o ry talèko mpanjaka.
5 Aa ie nitotsake e Bahorime t'i Davide mpanjaka, ingo te boak' ao t'indati' i
hasavereña' i anjomba' i Saoley, i Simý, ty tahina'e, ana' i Gerà, nionjom-beo nitolom-
pamatse. 6 Tinora'e vato ka t'i Davide naho o mpitoro' i Davide mpanjaka iabio naho
ze hene' ondaty vaho o fanalolahy ankavana'e naho ankavia'eo. 7 Le hoe t'i Simý te
namatse: Akia, soike! ty ondatin-dio, ty lokoforo tia; 8 fa nabali' IEHOVÀ ama'o iaby
ty lio' i anjomba' i Saoley, i nisoloa'o fifeheañey; naho natolo' IEHOVÀ amy Absalome
ana'o i fifelehañey; vaho hehe t'ie tsinepake am-pikinià'o, amy te ondatin-dio. 9 Aa
le hoe t'i Abisaý ana' i Tseroià amy mpanjakay: Aa vaho akore ty amara' ty amboa-
mate tia i talèko mpanjakay? Angao raho hitotok' aze hañitsike ty loha'e. 10 Le
hoe i mpanjakay: Hataoko akore nahareo ana' i Tseroiào? Apoho hamàtse, hera
IEHOVÀ ty nanao ama'e ty hoe: Ozoño t'i Davide; ia amy zay ty hanao ama'e ty hoe:
Akore ty atao'o zao? 11 Le hoe t'i Davide amy Abisaý naho amo mpitoro'e iabio:
Inao! mipay ty fiaiko i ana-dahiko niboak' an-tsandrikoy, mentsake o nte-Beniamineo
henanekeo? Apoho re hamatse ke nedrè' IEHOVÀ. 12 Hera ho vazoho' IEHOVÀ ty
hasotriako, vaho havaha' IEHOVÀ soa o famara'e ahy androanio. 13 Aa le tinonjohi'
i Davide naho ondati'eo i liay, ie nifamalahañe ama'e añ' ila' i haboañey t'i Simeý
namatse am-pandenà'e, naho nitora-bato aze vaho nampibobò deboke. 14 Ie amy
zao nifoezapoezake i mpanjakay naho ze hene ondaty nindre ama'e vaho nañafa-
kamokorañe eo.
15 Fa nivotrake e Ierosalaime ao t'i Absalome naho ondaty iabio, o ana' Israeleo
rekets' i Akitofele. 16 Aa le niheo mb'amy Absalome mb'eo t'i Khosaý nte-Arkite rañe'

i Davide; naho nanao ty hoe amy Absalome t'i Khosaý: Lava havelo ry mpanjaka, lava
havelo o mpanjakao. 17 Le hoe t'i Absalome amy Khosaý, Zao hao ty fiferenaiña'o
an-drañe'o? Akore t'ie tsy niharo lia aman-drañe'o? 18 Le hoe t'i Khosaý amy
Absalome: Aiy, fe amy jinobo' IEHOVÀy naho am'ondati'eo naho amo ana' Israele
iabio ty hitoerako. 19 Tovoñako ty hoe: Ia ty ho toroñeko? Tsy hitoroñe añatrefa' i
ana'ey hao raho? Manahake ty nitoroñeko añatrefan-drae'o ty hanoeko añatrefa'o.
20 Aa le hoe t'i Absalome amy Ahitofele: Misafiria; ino ty hanoen-tika? 21 Le hoe t'i
Ahitofele amy Absalome: Akia, miolora aman-tsakezan-drae'o; o nenga'e hañambeñe
i anjombaio le ho janjiñe' Israele iaby t'ie vata'e malain-drae'o; ie amy zay, hene
haozatse ty fità' o mpiama'oo. 22 Aa le nandafiha' iereo kibohotse ambone' i anjombay
t'i Absalome; le nimoak' amo sakezan-drae'eo t'i Absalome añatrefa' Israele iaby (
23 Fa nanahake te nañontaneañe amy tsaran' Añaharey, ty toro-heve' i Ahitofele
tañ'andro rezay; zay iaby ty fanoroan-keve' i Ahitofele tamy Davide naho i Absalome.)

# 17

1 Tinovo' i Ahitofele amy Absalome ty hoe: Angao ho joboñeko ty lahilahy rai-ale-
tsi-ro'arivo henaneo, le anito haleñe 2 ty hivotrahako ama'e, ie mokotse naho am-
pitàñe maleme, hampangebakebak' aze; le hitriban-day ondaty iaby mindre ama'eo
vaho i mpanjakay avao ty ho lafaeko; 3 le hampoliko ama'o ondaty iabio; aa ie fonga
nitampoly ondatio naho tsy i paia'oy avao, le hene hanintsiñe ondatio. 4 Nitea' i
Absalome naho ze hene mpiaolo' Israele i saontsy zay.
5 Le hoe t'i Absalome: Kanjio henaneo t'i Khosaý nte-Ereke le ho janjiñen-tika ka
ty ho saontsie'e. 6 Aa ie nipok' amy Absalome eo t'i Khosaý, le hoe t'i Absalome
ama'e: Nanao hoe zao ty Ahitofele; Horihen-tika hao i nisaontsie'ey? fa naho tsie
le mitaroña. 7 Le hoe t'i Khosaý amy Absalome: Tsy soa ty toro-hevetse natolo' i
Ahitofele henaneo. 8 Tinovo' i Khosaý ty hoe: Fohi'o ty rae'o naho ondati'eo, t'ie
fanalolahy, naho manahake ty dobe* tinavañ' anak' an-kivok' ao ty hafain' afero
añ'arofo' iareo; toe mpañotakotake ty rae'o, vaho tsy hitoetse am' ondati'eo. 9 Oniño
t'ie mietak' an-kadaha ndra an-toets' ila'e henaneo; aa ie vaho miambotrak' am'iereo
am-baloha'e, le hanao ty hoe ze mahajanjiñe zay: Fizamanañe ty zoeñe am'ondaty
mañorike i Absalomeo; 10 le akore amy zao i fanalolahiy, i aman-tron-dionay, kanao
hitranake; fa songa fohi' Israele te ondaty maozatse ty rae'o naho sindre fanalolahy
o mpiama'eo. 11 Aa le ty hoe ty fanoroako: te hifanontoñe ama'o t'Israele iaby boake
Dane pake Beeresebà manahake ty faseñe añ'olon-driake ey ami'ty hatsifotofoto'e;
le ihe ka ro ho mb'an-kotakotak' ao. 12 Aa le hivotrak' ama'e tika amy ze toetse
haharendrehañe aze; hipetak' ama'e manahake ty fipetahan-jono an-tane; leo raike
tsy hapon-tika ndra ie ndra o mpiama'eo. 13 Tovo izay he ie mitolila mb' an-drova
ao, le hene hinday taly t'Israele vaho ho kozozoten-tika mb' am-bavatane ao ampara'
te tsy hanjoàñe vato kede. 14 Aa le hoe t'i Absalome naho o hene ondati' Israeleo:
Toe soa ty toro-heve' i Khosaý nte-Ereke te amy tolo-keve' i Akitofeley—amy te linili'
IEHOVÀ ty handreketañe ty toro-hevetse soa' i Akitofele, hametsaha' IEHOVÀ hankàñe
amy Absalome.
15 Aa le hoe t'i Khosaý amy Tsadoke naho i Abiatare mpisoroñe: Zao naho zao
ty natoro' i Akitofele amy Absalome naho amo roandria' Israleo; vaho zao naho
zao ka ty natoloko. 16 Aa le mañitrifa masìka, vaho ano ty hoe amy Davide: Ko
mitoetse amo montom-patrambeio te anito haleñe, fa mitsàha ndra manao akore;
tsy mone habotseke i mpanjakay naho ze hene ondaty mindre ama'e. 17 Ie amy
zao, nitoboke e En-drogele t'Ionatane naho i Akimatse; naho nimpiheo am' iereo ty
mpitoroñe nitalily; le nimb' amy Davide mpanjaka añe ka iereo nitalily, soa tsy ho

* 17:8 Dobe : biby jabajaba malaom-pandeha

oniñe mimoake amy rovay. 18 Fe nitrea' ty ajalahy le natalili'e amy Absalome; aa le
nivoratsake iereo naho nivotrak' añ'anjomba' ondaty e Bakorime ze amam-bovoñe
an-toe'e vaho nizotso ao. 19 Rinambe' ty rakemba ty tako'e naho nakape'e am-bava'
i vovoñey, vaho naparatsa'e ambone'e eo ty tsako lisañe; le tsy nifohiñe. 20 Pok'
amy rakembay amy anjombay ty mpitoro' i Absalome nanao ty hoe: Aia t'i Akimatse
naho Ionatane? Le hoe i rakembay tam' iereo: Fa nitsake i torahan-dranoy iereo. Aa
le nitsoeke fe tsy nahaisake le nimpoly mb'e Ierosalaime mb'eo. 21 Aa ie nienga, le
niakatse i vovoñey iereo vaho nionjomb'eo nitalily amy Davide; le nanao ty hoe amy
Davide: Miongaha, masikà, itsaho i ranoy; fa inao ty toro-heve' i Akitofele ty ama'o.

22 Aa le niongake t'i Davide, rekets' o hene' ondaty nindre ama'eo, vaho nitsake
Iordaney; aa ie niporea' ty maraindray leo raike tsy nipoke tsy tafatsake Iordaney.
23 Aa naho nioni' i Akitofele te tsy noriheñe i toro-heve'ey, nidiaña'e i borìke'ey
naho nimpoly mb' añ' anjomba'e mb' an-drova'e añe, le nambine'e i anjomba'ey,
vaho nameo vatañe; nihomake, naho nalentek' an-kiborin-drae'e ao. 24 Ie pok'e
Maknaime añe t'i Davide vaho nitsake Iordaney t'i Absalome, mindre amo fonga'
ondati' Israeleo. 25 Nampifehè' i Absalome i valobohòkey t'i Amasà† hasolo Ioabe.
Ana' t'i ana' Israele atao Iterà‡ nimoak' amy Abigale ana' i Nakase, rahavave' i
Tseroià, rene' Ioabey t'i Amasà. 26 Aa le nañoren-kibohotse an-tane Gilade ao
t'Israele naho i Absalome. 27 Ie fa nivotrake e Maknaime t'i Davide le niheo mb'eo
t'i Sobý ana' i Nakase afo' i Rabà, nte Amone naho i Makire, ana' i Amiele nte-
Lodebàre vaho i Barzilas nte-Gilade boake Rogelime 28 ninday tihy naho sajoa naho
valàñe tane naho vare-bolè naho vare hordea naho lilañe naho tsako-tono naho
antake naho mahalay naho poataran' ampemba 29 naho tantele naho ronono dero
naho añondry vaho habobon' añombe amy Davide naho ondaty nindre ama'e iabio,
hikama, ami'ty asa' iareo ty hoe: Fa saliko naho mifoezapoezake vaho taliñiereñe
ondaty am-patrambeio.

# 18

1 Niahe' i Davide amy zao ondaty nindre ama'eo, vaho najado'e am' iereo ty
mpifelek' arivo naho mpifehe zato. 2 Nirahe' i Davide mb'eo, am-banem-pità' Ioabe,
ty fahatelo' ondatio naho ambanem-pità' i Abisaý ana' i Tseroia rahalahi' Ioabe ty
fahatelo'e vaho ambanem-pità' Itaie nte-Gate ty fahatelo'e. Le hoe i mpanjakay
am'ondatio, toe hindre hionjo ama' areo ka raho. 3 Fe hoe ondatio: Tsy hionjo mb'eo
rehe, amy te tsy hahoa' iereo te zahay ro hitriban-day añe, aa ndra te mivetrake ty
vaki'ay, tsy ho haoñe' iereo; fa mañeva ty rai-ale ama'ay rehe: ie amy zao hàmake
te zahay ro hampionjone'o hiakatse ty rova toy. 4 Le hoe i mpanjakay am' iereo:
Hanoeko arè ze atao' areo hahasoa. Aa le nijohañe añ' ila' ty lalambey re vaho
niavotse mb'eo ki-zato'e naho ki-arivo'e ondatio. 5 Le linili' i mpanjakay t'Ioabe naho
i Abisaý vaho Itaie ami'ty hoe: Ehe ano' areo mora ty amako i ajalahiy, i Absalome.
Songa jinanji' ondatio ty namantoha' i mpanjakay i mpifehe rey ty amy Absalome.
6 Aa le niparatsake añe ondatio hiatreatre am' Israele; vaho tañ' ala' i Efraime ao i
hotakotakey. 7 Zinevoñ' añatrefa' o mpitoro' i Davideo o ana' Israeleo, le akore ty
fanjamanañe amy andro zay kanao lahilahy ro'ale ty nivetrake. 8 Fa niparaitak' amy
tane iabiy i hotakotakey vaho maro ty nabotse' i alay te amy fibaray.

9 Ie nifanojo amo mpitoro' i Davideo t'i Absalome, le niningitse amy borìke'ey t'i
Absalome, naho nimb' ambane' ty tsampan-kobaiñe jabajaba mb'eo i borìkey, naho
nazi' i kobaiñey ty añambone'e, naho naonjo'e añivon-dikerañey naho ty tane toy
vaho nitolom-pilay mb'eo i borìke tambane'ey. 10 Niisa' t'indaty zay le nitalily am'
Ioabe, ty hoe: Inao! nitreako niradorado ami' ty kobaiñe t'i Absalome. 11 Le hoe

† 17:25 Amasà: entam-bey vaveñe ‡ 17:25 Iterà: honka'e; hotsohotsoeñe

t'Ioabe amy lahilahy nitalily azey: Aa ihe nahaisak' azey: akore t'ie tsy linafa'o
mb'an-tane? fa ho nitolorako volafoty folo reke-piètse. 12 Fe hoe indatiy am' Ioabe:
Ndra te ho nandrambe volafoty arivo an-tañako, tsy ho nahitiko mb'amy ana-dahi'
i mpanjakaiy ty tañako, fa am-pijanjiña'ay ty namantoha' i mpanjakay ama'o naho
amy Abisaý vaho am' Itaie ty hoe: Mitaoa hera eo ty hitsapa i ajalahy Absalomey.
13 Aa le ho nanoeko afero mamitak' ate ty vatako, ie tsy ietahañe amy mpanjakay,
le ihe ka ho niatreatre ahy. 14 Aa le hoe t'Ioabe: Tsy hihenekenek' ama'o atoy
raho. Le ninday ana-pale telo am-pità'e vaho natrofa'e añ' arofo' i Absalome, ie
mbe niveloñe amy kobaiñey. 15 Niarikoboñe aze amy zao ty ajalahy folo mpitàm-
pikala' Ioabe, naho linafa' iareo t'i Absalome, toe navetra' iareo. 16 Aa le pinopò'
Ioabe i antsivay, vaho nibalik' ami'ty fañoridañañe Israele ondatio; nitana' Ioabe
ondatio. 17 Rinambe' iareo t'i Absalome naho navokovoko ami'ty koboñe jabajaba
añ'ala ao le nampitoabora' iareo ty votrem-bato folo-ay vaho songa nitriban-day
mb'an-kiboho'e mb'eo t'Israele. 18 Natroa' i Absalome, ie mbe niveloñe, ty vatolahy
añ' ala-vondrom-panjaka ao ho am-bata'e, ami'ty hoe: Tsy manañe anadahy raho
hitiahiañe ty añarako; vaho nitokave'e ami'ty añara'e i vatoy; le atao ty hoe Vatolahi'
i Absalome pak' androany.

19 Aa le hoe t'i Akimatse ana' i Tsadoke: Angao hilaisako hitalily amy mpanjakay,
te vinale' Iehovà fate o rafelahi'eo. 20 Le hoe t'Ioabe ama'e: Tsy hinday talily rehe te
anito, fa andro hafa ty hindesa'o talily; kanao nihomake ty ana-dahi' i mpanjakay tsy
ho talilie'o te anito. 21 Aa le hoe t'Ioabe amy nte-Kosiy: Akia, atalilio amy mpanjakay
o niisa'oo. Niondrek' amy Ioabe i nte-Kosiy vaho nihitrihitry mb'eo. 22 Le hoe t'i
natovo' i Akimatse ana' i Tsadoke am' Ioabe: Ndra te ino ty hifetsake, miambane
ama'o, ehe adono hañeañe i Kosiy raho. Le hoe t'Ioabe: Ino ty hilaisa'o, anako, ihe
tsy handrambe tambe amy taliliy? 23 Ndra ino ty hizò, hoe re, Hilay raho. Le hoe re
ama'e: Milaisa. Aa le niherereake mb' amontoñe t'i Akimatse vaho nilosore'e i nte-
Kosiy. 24 Ie amy zao, niambesatse añivo' ty lalambey roe eo t'i Davide; le ie nanganike
mb' an-tafon-dalambey ambone' i kijoliy mb'eo ty mpijilo naho nampiandra fihaino
naho nitalake, le naheo'e te ingo ty lahilahy milay mb'eo ie raike. 25 Nikaik' amy zao i
mpijiloy, nitalily amy mpanjakay: Le hoe i mpanjakay: Kanao mirery re, minday talily
am-palie. Aa le niharine mb'eo re. 26 Nahaisake mpihitrihitry raike ka i mpijiloy: le
nikaihe'e ty hoe i mpigarin-dalañey: Heheke ondaty raike ka ty mihitrike mb'etoa.
Le hoe i mpanjakay: Minday talily ka re. 27 Le hoe i mpijiloy: Ataoko ho filaisa'
i Akimatse ana' i Tsadoke i miaoloy. Le hoe i mpanjakay: Ondaty mora minday
talily soa zay. 28 Nikoike t'i Akimatse, le hoe re amy mpanjakay, Tsy mañahy. Le
nidrakadrakak' añatrefa' i mpanjakay re nanao ty hoe: Andriañeñe abey t'Iehovà
Andrianañahare'o, i nampilesa ondaty nañonjo-haok' amy talèko mpanjakaio. 29 Le
hoe i mpanjakay: Mbe tsy mañahy hao i ajalahy Absalomey? Le hoe ty natoi' i
Akimatse: Ie nañitrike o mpitoro'oo t'Ioabe, le nahatrea fivoamboan-dra'elahy raho
fa tsy apotako ty tali'e. 30 Le hoe i mpanjakay, Misitsira mb'etoa, le mijohaña ey. Aa
le niveve re, nijohañe. 31 Ingo te niheo mb'eo amy zao i nte-Kosiy; le hoe i nte-Kosiy:
Talily ho a i talèko mpanjakay; fa vinale' Iehovà fate ty azo anindroany amo nitroatse
ama'o iabio. 32 Le hoe i mpanjakay amy Kosiy: Mbe janga hao i ajalahi' Absalomey?'
Aa hoe ty natoi' i Kosy: Ee te hanahake i ajalahiy ze hene rafelahi' i talèko mpanjakay
naho ze miatreatre azo hijoy.

## 19

1 Nininininy amy zao i mpanjakay vaho nañambone mb' an-traño ambone' i
lalañey mb'eo nirovetse, le nanao ty hoe t'ie nimb'eo: O Absalome anako, tiriko,

o Absalome anako! ee te zaho ty nisolom-pihomake ho azo ry Absalome amoriko,
anako!
2 Sinaontsy am' Ioabe ty hoe: Inay! mirovetse naho mandala i Absalome ty
mpanjaka. 3 Aa le nifotetse ho fandalàñe i fandreketañey, kanao jinanji' ondatio amy
andro zay ty hoe, Mirovetse i ana'ey i mpanjakay. 4 Aa le ninankañe avao ondatio
t'ie nimoak' amy rovay, manahake ty fimeñara' ondaty miponiotse añ'alio. 5 Sinaro'
i mpanjakay ty lahara'e, vaho nikoaike ty fangoihoy nanao ty hoe: O Absalome
anako, O Absalome amoriko, anako! 6 Aa le nimoak' amy trañoy t'Ioabe mb'amy
mpanjakay ao, nanao ty hoe: Nampisalare'o ty lahara' o mpitoro'o iabio, ie namoe
ay ho azo naho ho ami'ty fiai' o ana-dahi'oo naho o anak' ampela'oo naho ty fiai' o
tañanjomba'oo vaho ty fiai' o sakeza'oo; 7 amy te kokoa'o o malaiñ' azoo, naho heje'o
o mikoko azoo. Fa nitseize'o anindroany te tsy vente'e ama'o o roandriañeo naho
o mpitoroñeo; le rendreko androany t'ie niveloñe t'i Absalome vaho nikoromake
iaby zahay le ho nifale rehe. 8 Aa le miongaha, miavota naho misaontsia ami'ty
arofo' o mpitoro'oo; fa ifantàko am' Iehovà, naho tsy iavota'o, leo raik' am'ondatio
tsy hialeñe ama'o atoy; vaho handikoara' ze haratiañe nifetsak' ama'o ampara'
ty nahajalahy azo am-para' te henane ty haloloañe hizò azo. 9 Aa le niongake t'i
Mpanjaka, niambesatse an-dalambey eo vaho natalily am'ondaty iabio ty hoe: Inao!
miambesatse an-dalambey eo i mpanjakay; le sindre niheo añatrefa' i mpanjakay
ondatio, ie fa songa nandrombake ty kiboho'e t'Israele.

10 Niampohek' amy zao ze hene ondatim-pifokoa' Israele, fa hoe ty asa' iareo: I
mpanjakay ty nañafak' an-tika am-pità' o rafelahin-tikañeo, naho ie ty nandrombak'
an-tika am-pità' o nte-Pilistio; ie amy zao fa nibañe añe t'i Absalome niakatse ty tane
toy, 11 ie nihomak' an-kotakotak' ao i Absalome norizan-tika ho mpifehe antikañey.
Aa vaho akore arè te tsy minday saontsy amy fampipoliañe i mpanjakaiy tika?
12 Fe nampañitrike ty hoe amy Tsadoke naho amy Abiatare mpisoroñe t'i Davide:
Misaontsia amo roandria' Iehodao ty hoe: Manao akore te inahareo ro fara'e manese i
mpanjakay holy mb' añ' anjomba'ey?—Amy te fa nivotrak' amy mpanjakay ty saontsi'
Israele iaby t'ie hasese' iareo mb' añ'anjomba'e— 13 longoko nahareo naho taolako
vaho nofoko, aa vaho akore t'ie sehanga'e amy fampipoliañe i mpanjakaiy? 14 Le ano
ty hoe amy Amasà: Tsy taolako ama' nofoko v'iheo? Aa le hanoen' Añahare amako,
naho mandikoatse, naho tsy ho mpifeleke i valobohòkey hisolo Ioabe rehe. 15 Le
nampiondrehe'e ty arofo ze hene' ondati' Iehoda hoe t'ie arofo' ondaty raike; aa le
nañiraha' iereo i mpanjakay: Mimpolia rehe naho o mpitoro'o iabio. 16 Aa le nimpoly
i mpanjakay, nigodañe mb' am' Iordaney mb'eo. Niheo mb'e Gilgale mb'eo t'Iehoda,
hifanalaka amy mpanjakay, hampitsahe' iareo am'Iordaney i mpanjakay. 17 Nihitrike
naho nindre nizotso amo nte-Iehodao t'i Simeý ana' i Gerà, nte Beniamine, boake
Bakorime hifañaoñe amy Davide mpanjaka. 18 Nindre ama'e mb'eo t'i nte-Beniamine
arivo miharo amy Tsibà mpitoro' ty anjomba' i Saole, reketse ty ana-dahi'e folo-lim'
amby, naho ty mpitoro'e roapolo. Nihitrihitry mb'am' Iordaney mb'eo iereo aolo' i
mpanjakay. 19 Nibelobelo eo avao iereo nampitsake ty anjomba' i mpanjakay, naho
hitoloñe amy ze atao'e soa ampivazohoa'e. Nibabok' añatrefa' i mpanjakay t'i Simeý
ana' i Gerà ie fa hitsake Iordaney. 20 Le hoe re amy mpanjakay: Ehe te tsy hanan-
kabò amako ty talèko; ko tiahi'o abey i haloloañe nanoe' ty mpitoro'o amy andro
niavota' ty talèko mpanjaka am' Ierosalaimey, ehe ko tana' i mpanjakay añ'arofo'e
ao zay. 21 Toe fohi' ty mpitoro'o t'ie nanao hakeo; aa le ingo! zaho ty nizotso mb'etoa
valoha'e amy anjomba' Iosefe iabiy hifanalaka amy talèko mpanjakay. 22 Fe hoe ty
navale' i Abisaý ana' i Tseroià aze: Tsy mone havetrake hao t'i Simeý, ty amy raha
zay, ie namàtse i noriza' Iehovày? 23 Le hoe t'i Davide: Hatako akore nahareo ana' i
Tseroiào, t'ie hifandrafelahy amako henaneo? hohofan-doza hao t'indaty e Israele te

anito? tsy apotako hao te mpanjaka' Israele raho androany? [24] Le hoe i mpanjakay
amy Simeý, Tsy ho mate 'niheo. Le nifanta ama'e i mpanjakay.
[25] Nizotso hifanalaka amy mpanjakay ka t'i Mefibosete ana' i Saole; tsy nihamine'e
o fandia'eo, tsy niharate'e i somo'ey, tsy nisasà'e o siki'eo, boak' amy andro niavota' i
mpanjakaiy ampara' ty nimpolia'e am-panintsiñañe. [26] Ie amy zao, naho fa nivotrake
e Ierosalaime ao re hifanalaka amy mpanjakay, le nanoa' i mpanjakay ty hoe: Aa
vaho akore te tsy nindre amako rehe Mefibosete? [27] Le hoe ty natoi'e: Ry talèko,
mpanjakao, namañahy ahy i mpitorokoy; fa hoe ty mpitoro'o: ampidiaño borìke
hionjonako mb'amy mpanjakay mb'eo; ami'ty hakepefa' o mpitoro'oo. [28] te mone
nifosae'e amy talèko mpanjakay o mpitoro'oo; fe hoe anjelin' Añahare ty talèko
mpanjaka; aa le ano amako ze atao'o soa am-pihaino'o. [29] Fa toe mañeva ho mate
am-pitàn-talèko mpanjaka ty anjomban-draeko iaby; fe najado'o amo mpikama am-
pandambaña'oo ty mpitoro'o. Aa ino ty ho zòko? vaho ino ty hitoreovako amy
mpanjakay? [30] Le hoe i mpanjakay ama'e: Ino ty mbe talilie'o o azoo? Hoe raho:
ifanjarao' areo amy Tsibà i taney. [31] Le hoe t'i Mefibosete amy mpanjakay, Apoho ho
rambese'e iaby kanao nitampoly am-panintsiñañe añ'anjomba'e ty talèko mpanjaka.
[32] Nizotso boake Rogelime t'i Barzilaý nte-Gilade vaho nitsake Iordaney ho a i
Mpanjakay hanese aze hitsake Iordaney. [33] Ondaty bey t'i Barzilaý, toe valompolo
taoñe; ie ty namahañe i mpanjakay amy nipalira'e e Mahanaimey; ondaty jabajaba.
[34] Le hoe i mpanjakay amy Barzilaý: Antao hiharo fitsak' amako vaho ho fahanako
e Ierosalaime ao. [35] Le hoe t'i Barzilaý amy mpanjakay: Fire ty andro' o taokoo
t'ie hionjomb'e Ierosalaime mb'eo mindre amy mpanjakay? [36] Valopolo taon-draho
androany; mb'e hahafijoboñe ty soa ami'ty raty hao? ho rey ty mpitoro'o tave
hao ze hane'e ndra nome'e? mbe hahafitsanoñe ty fiarañanaña' ondaty mibeko
ndra rakemba misabo hao? aa manao akore arè te ho kilankañe mavesatse amy
talèko mpanjakay ty mpitoro'o? [37] Hindre hitsake Iordaney amy mpanjakay avao o
mpitoro'oo. Ino ty hanambeza' i mpanjakay ahy hoe zay? [38] Ehe adono himpoly ty
mpitoro'o, hivetrake an-drovako marine' ty kiborin-drae naho reneko ao. Fe ingo
ty mpitoro'o Kimhame, angao hampitsahe'o aze ty talèko mpanjaka le ano ama'e
ze satrin'arofo'o. [39] Aa le hoe i mpanjakay: Hindre hitsak' amako t'i Kimhame, le
hanoeko ama'e ze atao'o hahasoa; ndra inoñ' inoñe ty ho paia'o amako le hanoeko.
[40] Nitsake Iordaney ondaty iabio, nitsake ka i mpanjakay naho norofa' i mpanjakay
t'i Barzilaý naho nitata aze vaho nimpoly mb' an-toe'e añe.
[41] Aa le nigodam-b'e Gilgale i mpanjakay, le nindre ama'e nitsake mb'eo t'i
Kimhame vaho songa nampitsake i mpanjakay o nte-Iehodao naho ty vaki' o ana'
Israeleo. [42] Niheo mb'amy mpanjakay o ana' Israele iabio, nanao ty hoe amy
mpanjakay: Manao akore te nampikametse azo o roahalahi'ay nte-Iehodao, naho
nampitsahe' iereo Iordaney i mpanjakay rekets' o añ' anjomba'eo vaho ondati' i
Davide iabio? [43] Le hoe ty natoi' o nte-Iehoda iabio amo ana' Israeleo: Amy te
marine filongoañe ama'ay i mpanjakay; aa le ino ty mahabosek' anahareo amo raha
zao? nikama ami'ty drala' i mpanjakay hao zahay? Nitambezeñe hao? [44] Le hoe ty
natoi' o ana' Israeleo o nte-Iehodao, Manañe anjara folo amy mpanjakay zahay aa
le ambone' ty anahareo ty zo'ay amy Davide; akore arè ty añinjea' areo anay, ie tsy
niera ama'ay heike hampipoliañe i mpanjakan-tikañey? Mbe nasiake te amy saontsi'
o nte-Isralеoy ty enta' o nte-Iehodao.

# 20

[1] Aa teo t'indaty nte-Beliale*, i Sebà† ty añara'e, ana' i Bikrý nte-Ieminý, ie

* **20:1** Beliale: lo-tsereke, kokolampo bey † **20:1** Sebà: mirohy; ondatibey; fitofañe; fañina

nampipopo tsifan' añondry nitsey ty hoe: Tsy aman' anjara amy Davide tika, vaho
tsy aman-dova amy ana' Iesey. Vonjeo ty kiboho'o ry Israeleo. 2 Aa le nisitak'
amy Davide o ana' Israele iabio vaho nañorike i Sebà, ana' i Bikrý; fe nipitek'
amy mpanjaka'ey t'Iehoda boak' am' Iordaney pake Ierosalaime. 3 Ie nitotsak'
añ' anjomba'e Ierosalaime ao t'i Davide le rinambe' i mpanjakay i rakemba folo
nisakeza'e rey, i nenga'e ao hañambeñe i anjombay rey naho nagorogoda'e an-traño
nigaritañe naho nifahana'e, f'ie tsy nimoak' am' iereo ka. Le songa nigabeñe ao
ampara' te nivetrake, ie niveloñe ho vantotse avao.

4 Hoe i mpanjakay amy Amasà: Koiho o lahilahy nte-Iehodao hifanontoñe atoy
añate' ty telo andro, le miatrefa ka. 5 Aa le nimb'eo t'i Amasà hikanjy o nte-Iehodao
hivory; f'ie nitambatse añe mandikoatse i andro nafè'e azey. 6 Le hoe t'i Davide
amy Abisay: Ie amy zao, handikoara' i Seba ana' i Bikrý ty joy nanoe' i Absalome;
rambeso arè o mpitoro' i talè'oio, vaho horidaño, tsy mone ho rambese'e o rova
aman-kijolio, vaho hipoliotse tsy ho onin-tika. 7 Aa le niavotse hañoridañe aze ondati'
Ioabeo, naho o nte-Kereteo naho o nte-Peleteo, vaho o fanalolahy iabio; niakatse
Ierosalaime hañoridañe i Sebà ana' i Bikrý. 8 Ie nivotrak' an-damilamy jabajaba'
i Gibone eo, le nimb'eo t'i Amasà nifanalaka am' iereo. Nisikiñe o sarom-pialiañe
fiombea'eo t'Ioabe, ama'e ty fiètse reketse fibara an-kotra'e nidiañe an-toha'e ao; aa
ie nionjomb'eo le napontsoa'e. 9 Le hoe t'Ioabe amy Amasà: Akore v'iheo rahalahiko?
Le rinambe' Ioabe am-pità'e havana ty volon-tsomo' i Amasà hañorofa'e aze. 10 Fe tsy
nioni' i Amasà ty fibara am-pità' Ioabe; aa le trinofa'e ambane' ty pa'e fahalime ao,
naho nivorotrak' an-tane o aova'eo vaho tsy nipaok' aze fañindroe'e; fa nihomake.
Nañinjake i Sebà ana' i Bikrý t'Ioabe naho i Abisay rahalahi'e. 11 Nijohañe eo ty
ajalahi' Ioabe nanao ty hoe; Ze miantoke Ioabe naho mpiamy Davide, ee te horihe'e
t'Ioabe. 12 Nilomoloañe an-dio'e añivo' i lalañey t'i Amasà. Aa ie niisa'e te nijohañe
ama'e avao ze hene ondaty le nijinie'e t'i Amasà naho nente'e alafe' i lalañey mb' an-
teteke mb'eo vaho nañifike saroñe ama'e, amy te nioni'e te fonga nijohañe eo avao
ze nañarine aze. 13 Aa ie navike tsy ho an-dalañey le norihe' ondaty iabio t'Ioabe,
hañoridañe i Sebà ana' i Bikrý.

14 Niranga ze hene fifokoa' Israele re pak' Abele, naho e Betemaakà, naho amo
nte-Berìo; aa le nifanontoñe iereo, nanonjohy aze. 15 Nionjomb' eo iereo haname aze
e Abele' i Betemaakà ao, nampitoboarañe tamboho i rovay, le tiname' ondaty iabio
i kijoliy; finofo' ze hene' ondati' Ioabe i kijoliy handrotsak' aze. 16 Nikaik' amy zao
ty rakemba mahihitse boak' amy rovay, ty hoe: Eo hey nahareo, mijanjiña, taroño
am' Ioabe ty hañarine mb'etoa, hivolañako. 17 Aa ie niharinea'e le hoe i rakembay:
Ioabe v'iheo? Le namale re: Zaho 'nio. Le hoe re ama'e: Janjiño ty enta' o anak'
ampata'oo. Le hoe ty natoi'e, Mitsanon-draho. 18 Aa le hoe re, Sinaontsi' o taoloo ty
ti-hoe: Ie aman' ontane, añontaneo e Abele ao: zay ty fampigadoña' iareo. 19 Mpiamo
mpampilongo migahiñe e Israeleo atoan-draho; aa mipay handrotsake rova naho ty
rene raike e Israele ao v'iheo, Ino ty hampigodraña'o ty lova' IEHOVÀ? 20 Natoi' Ioabe
ty hoe: Mitotse amako zay; lavitse ahy t'ie hagodrako ndra harotsako. 21 Tsy zay o
rahao; fe nañonjo haoke hiatreatre i Davide mpanjaka t'indaty boak' am-bohibohitse
ao, i Sebà ana' i Bikrý ty tahina'e. Aa le ie avao ty aseseo. Le hoe i rakembay am'
Ioabe: Ingo, hahiririñe ama'o hiranga o kijolio ty añambone'e. 22 Aa le nimb' am'
ondaty iabio i rakembay amy fahiti'ey. Le kinitsi' iareo ty añambone' i Sebà ana'i
Bikrý vaho natorake mb' am' Ioabe ao. Pinopò'e amy zao i antsivay, le niparaitake
boak' amy rovay ondatio, songa mb'an-kiboho'e añe. Nimpoly mb'e Ierosalaime mb'
amy mpanjakay mb'eo t'Ioabe.

23 Ie amy zao: mpifehe' ty valobohò' Israele t'Ioabe vaho nifeleke o nte-Kereteo
naho o nte-Peleteo t'i Benaià ana' Iehoiadà; 24 i Adorame ty mpifelek' i habay vaho

mpamolily t'Iehosafate, ana' i Aklode; 25 mpanokitse t'i Seva, le mpisoroñe t'i Tsadoke
naho i Abiatare; 26 mpifehe amy Davide ka t'Irà nte-Iaire.

# 21

1 Ie amy zao, san-kerè telo taoñe ty nifanonjohy tañ' andro' i Davide, le nihalaly
amy IEHOVÀ t'i Davide: le hoe ty natoi' IEHOVÀ: I Saole naho i anjomba'e aman-dioy,
ie nanjamañe o nte-Giboneo. 2 Kinanji' i mpanjakay amy zao o nte-Giboneo, le hoe re
tam' iereo—toe tsy ana' Israele o nte-Giboneo fa sehanga' o nte-Amoreo; toe nifanta
am' iereo o ana' Israeleo, fe nipay hanjamañe iereo t'i Saole amy fahimbaña'e amo
ana' Israeleo naho Iehodaoy— 3 le hoe t'i Davide amo nte-Giboneo: Ino ty hanoeko
ho anahareo? naho akore ty hampanintsiñako hitatà' areo ty lova' IEHOVÀ? 4 le hoe
o nte-Giboneo tama'e: Tsy iozàm-bolafoty ndra volamena ty añivo'ay naho i Saole,
ndra i anjomba'ey; le tsy mipay ty hamonoañe ndra iaia amo ana' Israeleo zahay. Aa
le hoe re: Saontsio' areo fa hanoeko. 5 Le hoe ty natoi' iareo i mpanjakay: Indaty ho
namongotse anay naho nikinia raty anay t'ie ho fongoreñe tsy ho aman-tsehanga'e
an-tane Israeley, 6 le ee te hasese ama'ay ty ana-dahi'e fito haradorado'ay am' IEHOVÀ
e Gibà' i Saole ao, i jinobo' IEHOVÀy. Haseseko iereo, hoe i mpanjakay. 7 Fe napo' i
mpanjakay t'i Mefibosete, ana' Ionatane, ana'i Saole, ty amy fañina nifanoa' iareo am'
IEHOVÀy; i nanoe' i Davide naho Ionatane ana' i Saoley. 8 Rinambe' i mpanjakay ty
ana-dahy roe' i Ritspà, ana' i Aià, ze nasama'e amy Saole, i Armoný naho i Mefibosete
naho ty ana-dahi' i Mikale lime, anak' ampela' i Saole, nasama'e amy Adriele, ana'
i Bartsilaý nte-Mekolà; 9 le nasese'e am-pità' o nte-Giboneo naho naradorado' iareo
amy vohitsey añatrefa' IEHOVÀ vaho nitrao-pihotrake i fito rey, an-tsam-pitatahañe
ty namonoañe iareo, amo andro valoha'eo, am-pamotoram-pitataham-bare hordea.
10 Nandrambe lamban-gony t'i Ritspà, ana' i Aià, vaho nalafi'e amy vatoy boak' am-
pifotora' i fitatahañey am-para' te nidoañan' orañe boak' andikerañey; le tsy napo'e
hipetak' am' iereo o voron-tiokeo naho handro, ndra o bibin-kivokeo naho haleñe.
11 Natalily amy Davide ty nanoe' i Ritspà' anak' ampela' i Aià, sakeza' i Saole. 12 Aa le
nimb'eo t'i Davide nangalake o taola' i Saoleo naho o taola' Ionatane ana'eo amo nte-
Iabses-Giladeo, o nikizoe' iereo boak' an-kiririsa' i Bete-saneo, o nampiradoradoe' o
nte-Pilistio tañ' andro nanjevoa' o nte-Pilistio i Saole e Gilboao; 13 le nendese'e boak'
añe o taola' i Saoleo naho o taola' Ionatane ana'eo; vaho natonto' iareo o taola' i
naradorado reio. 14 Nalente' iareo an-tane' i Beniamine e Zelà, an-kibori' i Kise rae'e
o taola' i Saole naho Ionataneo; le nanoeñe iaby ze nandilia' i mpanjakay. Ie heneke,
le nihalalieñe aman' Añahare i taney.

15 Nialy amy Israele indraike o nte-Pilistio; le nizotso mb'eo t'i Davide rekets' o
mpitoro'eo, nifandraparapak' amo nte-Pilistio; le niha-dazidazìtse t'i Davide. 16 Teo
amy zao t'Isbibenobe raik' amo ana' i fanalolahy abo mpinday lefoñe nilanja telonjato
sekelen-torisikeio, nisikiñe fikalañe vao, le nimanea'e zevo t'i Davide. 17 Fe nañolotse
aze t'i Abisay ana' i Tseroià le linafa'e i nte-Pilistiy vaho vinono'e. Aa le namantok'
amy Davide ondati'eo, ty hoe: Tsy hitraok' ama'ay an-kotakotake ka rehe, tsy mone
hakipe'o ty failo' Israele. 18 Ie heneke zay, le poake indraik ty aly amo nte-Pilistio
e Gobe añe; zinevo' i Sibekaý nte-Kosà t'i Safe, raik' amo ana' i fanalolahy aboio.
19 Ie nifañotakotak' amo nte-Pilistio e Gobe añe indraike, le zinevo' i Elkanane nte-
Betlekheme t'i Goliate nte-Gitý, nihambañe ami'ty vatrìtra i taran-defo'ey. 20 Ie añe,
nifandrapak' añ'aly indraike e Gate ao; teo ty fanalolahy nijoalajoala, songa aman-
drambo'e eneñe o fità'eo naho eneñe ka o rambom-pandia'eo, roapolo-efats' amby
ty fitontoña' iareo; nisamahem-panalolahy abo ka. 21 Ie nikizake Israele, le linafa'
Ionatane ana' i Simea; rahalahi' i Davide. 22 Songa nisamahe' i fanalolahy abo nte-
Gatey i efatse rey, nikorovok' am-pità' i Davide naho am-pità' o mpitoro'eo.

# 22

1 Tinaro' i Davide am' IEHOVÀ ty onin-tsabo toy amy andro nandrombaha' IEHOVÀ
aze am-pità' o rafelahi'e iabio naho am-pità' i Saoley; 2 le hoe re:
Lamilamiko t'IEHOVÀ;
ty fitsolohako, naho
ty mpandrombak' ahy.
3 T'i Andrianañahare lamilamiko,
Ie ty fipalirako, ty fikalan-defoko,
ty tsìfam-pandrombahañe ahy,
ty fitalakesañ-aboko,
naho ty fiampirako;
t'i Mpandrombak' ahy,
Ihe ro mamotsots' ahy amo hotakotakeo.
4 Rengèñe, hoe ty koiko, t'IEHOVÀ,
fa hinaha'e amo rafelahikoo.
5 Nandipotse ahy o onjan-kavilasio,
nañoridañe ahy ty fisorotombaha' i Beliale.
6 Mivandibanditse amako
o vahoran-tsikeokeokeo;
miatreatre ahy o fandrim-pihomahañeo.
7 Ie niampoheke le nikanjy IEHOVÀ,
eka, kinanjiko t'i Andrianañahareko;
le jinanji'e an-kivoho'e ao ty feoko,
vaho nimoake amo ravembia'eo ty fitoreoko.
8 Nanginikinike naho niozoñozoñe ty tane toy
niezeñezeñe o fahan-dikerañeo;
nañondrañe ty amy haviñera'ey.
9 Nionjoñe boak' am-piantsona'e ty hatoeñe;
afo nahafororototo ty hirik' am-palie'e ao;
foroha mirekake ty boak' ama'e.
10 Nampivokoke o likerañeo re vaho nizotso;
ieñe nimoromoroñe ty ambane fandia'eo.
11 Nijoñe ambone kerobe eo re le nitiliñe,
nitalakeseñe ambone' o elan-tiokeo.
12 Nampiarikatohe'e ama'e ty ieñe
manahake t'ie kibohotse, rano mainte
naho rahoñe migobo' i likerañey.
13 Ty fireandrea' i fiatrefa'ey
ty nahaviañañe vaen' afo.
14 Nangotroke boak' andikerañe ao t'IEHOVÀ,
tinolo' i Andindimoneñey fiarañanañañe.
15 Nañiririña'e ana-pale, hampibaibay;
helatse, hampitsobore iareo.
16 Niboak' amy zao o goledon-driakeo,
piniopioke o faha' ty tane toio
ami'ty fañendaha' IEHOVÀ,
amy fikofò' o fiantsoña'eoy.
17 Nahiti'e boak' an-dikerañe ao ty fità'e,
rinambe'e raho, tinari'e
boak' añ'antara bey ao;
18 Rinomba'e amo rafelahiko maozatseo,

amo malaiñ’ahio,
amy t’ie nifatratse te amako.
19 Niatreatre ahy iereo añ’andron-kankàñe;
fe nirampiako t’IEHOVÀ.
20 Nasese’e mb’an-toetse mangadagadamb’eo
rinomba’e raho amy te mahafale aze.
21 Tinambe’ IEHOVÀ ty havañonako, ty falion-tañako ty nanolora’e ahy.
22 Toe nifaharako o lala’ IEHOVÀo, vaho
tsy nitsile an-kelok’ aman’ Añahareko.
23 Tañatrefako eo iaby o fepè’eo,
le tsy nisitaheko o fañè’eo.
24 Nigahiñe añatrefa’e eo raho,
vaho nilie-batañe tsy handilatse.
25 Aa le tinambe’ IEHOVÀ
ty amy havantañakoy,
ty haliovako am-pihaino’eo.
26 O mpitretrèo ro tretreze’o,
vañon-dRehe amo vañoñeo.
27 Amo malio arofoo rehe ro ki’e,
fe o mengokeo ro helofe’o.
28 Rombahe’o o mpisotrio;
fe amo mpitrotroabokeo o fihaino’oo, hamotsaha’o.
29 Ihe ro failoko, ry IEHOVÀ;
hazavae’ IEHOVÀ o faiekoo.
30 Ihe ty nañoridañako ty firimboñañe,
i Andrianañaharekoy
ty nanganihako kijoly.
31 I Andrianañahare :
vantañe i lala’ey;
niventeseñe ty Tsara’ IEHOVÀ;
fikalan-defoñe re
amy ze hene mitsolok’ ama’e.
32 Fa ia t’i Andrianañahare
naho tsy IEHOVÀ?
vaho ia ty Lamilamy
naho tsy i Andrianañaharentikañe?
33 T’i Andrianañaharem-pipalirako fatratse;
i mampavantañe i liakoiy;
34 Ie manao o tombokoo
ho tombom-panaloke,
vaho mamotrak’ ahy an-kaboañe eo.
35 Ie mañòke o tañakoo hialy,
hampibitsohan-tañako ty fale torisìke.
36 Fa natolo’o ahy ka
ty fikalan-defom-pandrombahañe;
vaho nampitoabotse ahy o fañisoha’oo.
37 Nampangadagadañe’o ty liako;
tsy hitititike o ongokoo.
38 Fa hinorìdako o rafelahikoo, vaho narotsako; tsy nimpoly raho ampara’ te finongoko.
39 Nagedrako iereo vaho

trinabotraboko tsy hitroatse;
nikorovok’ ambane tomboko eo.
40 Fa nampidiañe’o haozarañe
amy hotakotakey raho;
fa nampiambanè’o amako
o nitroatse amakoo.
41 Natolo’o ahy ka ty hàto’ o rafelahikoo,
haitoako amako o malaiñ’ ahio.
42 Nipay iereo, fe tsy amam-pandrombake;
amy IEHOVÀ, f’ie tsy nanoiñe.
43 Aa le dinemodemoko ho pilipito’e iereo
manahake ty debo’ ty tane toy,
linialiako hoe fotak’ an-dalañe eo,
toe linialiako ambane.
44 Ie rinomba’o am-pikitrohan-drati’ ondatikoo;
nambena’o ho mpiaolo’ o kilakila’ ondatio;
mitoroñe ahy ondaty tsy nahafohiñe ahio.
45 Mifimpìñe aoloko eo o anan-drenetaneo;
ie vaho mahajanjiñe ty amako,
le mivohotse.
46 Mitsilofìñe o anan’ ambahinio,
ie minevenevetse boak’ am-piampira’eo.
47 Veloñe t’IEHOVÀ;
andriañeñe i Lamilamikoy;
onjoneñe t’i Andrianañahare,
lamilamim-pandrombahako.
48 I Andrianañahare ro mpamale-fate ho ahy,
mamotsake ondatio ho ambaneko.
49 I mamotsotse ahy amo rafelahikooy;
eka onjone’o ambone’ o mitroatse amakoo;
haha’o ami’ty ‘ndaty mitrotrofiake.
50 Aa le hañandriañe Azo raho, ry IEHOVÀ,
amo kilakila’ ondatio, vaho
ho bangoeko an-tsabo ty tahina’o.
51 Hafatraram-pipaliram-
pandrombahan-dRe
amy mpanjaka’ey;
ferenaiña’e i noriza’ey, i Davide
naho i tiri’ey, nainai’e kitro añ’afe’e

# 23

1 Zao ty figadoñam-petse’ i Davide,
Hoe t’i Davide ana’ Iesý;
inao ty saontsi’ indaty naonjoñe añ’aboy,
i norizan’Andrianañahare’ Iakobey,
i mpibeko mami’ Israeley.
2 Nitsara añamako ty Arofo’ IEHOVÀ,
tan-delako i lañona’ey.
3 Nitaroñe t’i Andrianañahare’ Israele; nitsara amako t’i Maoza’ Israeley;
Tsi-mete tsy mahity ty hifelek’ ondatio
hifehe am-pañeveñañe aman’ Añahare,
4 le manahake ty hazavàñe maraindray

te manjirik'andro,
handro tsy aman-drahoñe,
ahetse maindoñ'indoñe boak' an-tane
ty amy tariñandrokey naho i orañey.
5 Tsy zay hao ty anjombako aman' Añahare,
t'ie nanao fañina amako tsy ho modo?
Hene milahatse naho mijadoñe
ty fandrombahañe ahy naho ze fitamàko iaby?
Tsy hampitiria'e tsampa'e hao?
6 Fe o lo-tserekeo,
le hambañe ami'ty anoeñe o fatikeo,
ie aveve añe, fa tsy lefe rambesem-pitàñe,
7 naho tsy minday vy reke-tara-defoñe
t'indaty hipaok' aze;
vaho forototoeñe an-toe'e eo.
8 Zao o tahinam-panalolahy nimpiamy Davideo: Iosefe-basebete nte-Takemone,
mpifelek' o mpifeheo natao Adino nte-Ezný, ie nanjamañe valon-jato te indraike.
9 Nanonjohy aze t'i Eleatsare ana' i Dodo ana' t'i nte-Akoke, ty raik' amo fanalolahy
telo' i Davideo; ie niatreatre o nte-Pilisty nifanontoñe hialio naho fa nienga iaby o ana'
Israeleo. 10 Niongake re nanjevoñe nte-Pilisty am-para' te nimokotse ty sira'e, naho
nipitek' amy fibaray ty fità'e; vaho nañeneke fandreketañe jabajaba t'IEHOVÀ amy
andro zay; aa kanao nibalike nañorik' aze ondatio, le t'ie hikopak' avao. 11 Nanonjohy
aze t'i Samà ana'i Agè nte-Karare. Ie nifandrimboñe an-tane lifotse mahalay ey o
nte-Pilistio, naho fa nitriban-day amo nte-Pilistio ondatio, 12 t'ie nijohañe añivo' i
tetekey, nitañ' aze vaho nandafa o nte-Pilistio; ie nihenefe' IEHOVÀ ty fandreketam-
bey. 13 Telo amo mpiaolo telo-poloo ty nizotso mb'eo vaho nivotrak' amy Davide
an-tsam-pitatahañe an-dakato' i Adolame ao; ie nitobe ambavatane' o nte-Refao o
nte-Pilistio. 14 Tam-pipalirañe ao t'i Davide naho e Betlekheme añe o nte-Pilistio
henane zay. 15 Nisalala ami'ty hoe t'i Davide, Ehe t'ie ho nanjotsoan-drano boak'
am-bovo' i Betlekheme marine i lalambeiy! 16 Aa le niboroboñafe' i fanalolahy rey ty
valobohòn-te Pilisty naho nitari-drano amy vovom-Betlekheme, marine i lalambeiy;
nendese' iereo vaho nazotso' iereo amy Davide, f'ie tsy nete nikama, te mone nadoa'e
am' IEHOVÀ. 17 Fa hoe re, Ee te ho lavitse ahy, ry IEHOVÀ, ty hanao zao. Hinomeko
hao ty lio' ondaty namoe ay amy liaio? aa le tsy nete nikama aze. Zay ty nisata'
i fanalolahy telo rey. 18 Miaolo i telo rey t'i Abisay rahalahi' Ioabe, ana' i Tseroia.
Ie ty nañonjon-defoñe ami'ty telon-jato naho nanjamañe ie iaby, vaho nandrambe
tahinañe amy telo rey. 19 Tsy ie hao ty nanan-kasy amy telo rey? aa le nanoeñe
mpifehe' iareo, fe tsy nitaka'e i telo valoha'e rey. 20 Teo ka t'i Benaià ana' Iehoiadà,
ana'ty fanalolahy nte-Kab'tsele; ie ka ty nanao raha nanjofake: zinevo'e ty ana-dahi'
roe' i Ariele nte-Moabe; nizotso mb' an-kadaha ao ka re namono liona an-tsam-
panala. 21 Vinono'e ka t'i nte-Mitsraime, ondaty manjofake. Nitan-defoñe am-pità'e
i nte-Mitsraimey, f'ie nizotso mb' ama'e ao ninday kobaiñe, napotsoa'e am-pità' i
nte-Mitsraimey i lefo'ey, vaho zinevo'e amy lefo'ey. 22 Sata' i Benaià ana' Iehoiadà
i hoe zay vaho nahazoa'e tahinañe amy fanalolahy telo rey. 23 Ie ty nanan-kasy
amy telo-polo rey, fe tsy nahatakatse i telo valoha'e rey. Nampifehè' i Davide aze o
mpigari'eo. 24 Mpiamy telo-polo rey t'i Asaele rahalahi' Ioabe, i Elkanane ana' i Dodo
nte Betlekheme, 25 i Samà nte-Karode, i Elikà nte-Karode, 26 i Keletse nte-Paltý, Irà ana'
Ikese nte-Tekoà, 27 i Abiezere nte Anetote, i Mebonay nte-Kosà, 28 i Tsalmone Akoake,
i Maharay nte-Netofà, 29 I Kelebe Banà, nte-Netofà, Itaiy ana' i Ribay nte-Gibà boak'
amo ana' i Beniamineo, 30 I Benaià amo Piratoneo, i Hidaý boak'an-toraha' i Gase, 31 i

Abialebone nte-Bete-Arabà, i Azmavete nte Barekorime, 32 i Eliabà nte Sa-albine, tamo
ana' Iasene, Iehonatane, 33 i Samà nte-Hararý, i Akiame ana' i Sarare nte-Hararý, 34 i
Elifelete ana' i Akasbaý, ana' i nte-Maakày, i Eliame ana' i Akitofele nte-Gilone, 35 i
Ketsrò nte-Karmele, i Paaray nte-Arabe, 36 Igale ana' i Natane nte-Tsobà, i Baný ana' i
nte-Gade, 37 i Tseleke nte-Amone, i Nakarahý nte-Be-erote mpindai-pikala' Ioabe ana'
i Tseroià, 38 Irà nte-Ietere, i Garebe nte Ietere, 39 i Orià nte-Kete: ie i telo-polo-fito'
amby rey.

# 24

1 Nisolebotse am' Israele indraike ty haviñera' IEHOVÀ, le nampitroboe'e amy
nampanoeñe i Davide ty hoe: Akia, volilio ondaty e Israele naho e Iehodào. 2 Aa le
hoe i mpanjakay am' Ioabe mpifehe' i valobohòkey, ie mpiama'ey: Akia henaneo,
tsitsiho ze hene fifokoa' Israele boake Dane pake Beere-sevà hamolily ondatio,
hahafantarako ty ia' ondatio. 3 Le hoe t'Ioabe amy mpanjakay, Ehe ho tovoña' IEHOVÀ
Andrianañahare'o in-jato ondatio, ndra t'ie fire-fire; vaho ho oni-pihainon-talèko
mpanjaka; fa ino ty ifalean-talèko mpanjaka o raha zao? 4 Fe nandrekets' Ioabe
naho o mpiaolo' i valobohòkeio ty saontsi' i mpanjakay. Aa le niavotse añatrefa'
i mpanjakay t'Ioabe naho o mpiaolo' i valobohòkeio, hamolily ondati' Israeleo.
5 Nitsake Iordaney iereo vaho nitobe e Aroere ao, ankavana' i rova añivo' i vavatane' i
Gade tandrife Iazerey; 6 le niheo mb'e Gilade, naho mb' an-tanen-Takime-kodsý, naho
nivotrake e Dane-jaane, naho niary mb'e Tsidone mb'eo, 7 naho niheo mb'amy rova
aman-kijoli' i Tsorey, naho mb'amo hene rova' o nte-Kivìo naho o nte-Khanàneo naho
nimb' atimo' Iehoda mb'e Beere-sevà mb'eo. 8 Aa le nimb'eo mb'eo amy tane iabiy
iereo vaho nivotrake e Ierosalaime ao, ie nahamodo sive volañe mitovoñ' andro roa-
polo. 9 Natolo' Ioabe amy mpanjakay i iake namoliliañe do'ey, le valo hetse t'indaty
manjofake, mpitàm-pibara e Israele ao, le lime-hetse ty lahilahi' Iehoda.

10 Aa ie fa nañiake ondatio t'i Davide le namofok' aze ty arofo'e. Le hoe t'i
Davide amy IEHOVÀ; ra'elahy ty hakeoko amy nanoekoy; fe amy zao ry IEHOVÀ,
miambane ama'o, apoho ty tahi' o mpitoro'oo amy hagegeañe nanoekoy. 11 Ie
nitroatse maraindray t'i Davide le niheo amy Gade mpitoky, i mpitoki' i Davidey,
ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 12 Akia saontsio Amy Davide: Inao ty tsara' IEHOVÀ:
Hitolorako telo; joboño ty hanoako. 13 Aa le nimb' amy Davide mb'eo t'i Gade le
nanoa'e ty hoe: Hivotraha' ty san-kerè fito taoñe an-tane'o ao? hera hitriban-day telo
volan-drehe añatrefan-drafelahi'o mañoridañe azo? ke ho telo andro an-tane'o ao ty
angorosy? Mivetsevetsea, vaho itsakoreo ty vale'e habaliko amy nañirak' ahiy. 14 Aa
le hoe t'i Davide amy Gade, vata'e ampoheke raho; hamake hihotrak' am-pità' IEHOVÀ
tika henaneo; fa ra'elahy ty fiferenaiña'e; le ko anga'o hikorovok' am-pitá' ondaty.
15 Aa le nirahe' IEHOVÀ am' Israele mifototse amy maraiñey am-para' i namantañañey
ty angorosy; le fito-ale t'indaty nihomake boake Dane pake Beere-sevà añe. 16 Aa ie
nañity fitañe mb'e Ierosalaime mb'eo hamongora'e aze, i anjeliy, le najihe' IEHOVÀ
i hankàñey, vaho nanoe'e ty hoe amy anjely nanjamañe ondatioy, Soa zay, ajihero
ty fità'o. Ie amy zay tan-toem-pifofoha' i Araonà nte-Iebose i anjeli' IEHOVÀy. 17 Le
hoe t'i Davide am' IEHOVÀ, ie nahaoniñe i anjely nampibaibay ondatioy: Toe nanao
hakeo raho, zaho ty nanao i hamengohañey; fa o añondry retoañe, ino ty nanoe'
iereo? Mihalaly ama'o, lonik' abey te ho amako naho añ' anjomban-draeko ty fità'o.

18 Aa le niheo mb'amy Davide mb'eo amy àndroy t'i Gade, nanao ty hoe ama'e,
ampitroaro kitrely an-toem-pifofoha' i Araonà nte-Iebose eo t'IEHOVÀ. 19 Aa le
nionjoñe mb'eo t'i Davide amy tsara' IEHOVÀ tinaro' i Gadey. 20 Ie niandra t'i Araonà
le nahaisake i mpanjakay naho o mpitoro'eo nimb'ama'e mb'eo, naho niavotse mb'eo
t'i Araonà nibokobokok' amy mpanjakay, niatre-tane ty lahara'e, 21 vaho hoe t'i

Araona, Akore te nivotrak’ amy mpitoro’ey ty talèko mpanjaka? Le hoe t’i Davide:
Ty hikalo ama’o ty toem-pifofoha’o, handranjia’ay kitrely amy IEHOVÀ, hampijihetse
i angorosiy am’ondatio. 22 Le hoe t’i Araona amy Davide, Ee te ho rambese’ i
talèko mpanjakay ze atao’e mahasoa ho enga’e; ingo o añombe hisoroñañeo naho
o haraom-pamofohañeo vaho o jokan’ añombeo ho hatae’e. 23 Ie iaby zao ty atolo’
i Araona amy mpanjakay. Natovo’ i Araona amy mpanjakay ty hoe, Ee t’ie ho no’
IEHOVÀ Andrianañahare’o. 24 Fe hoe i mpanjakay amy Araona, Aiy; tsy mete tsy
hikaloako ami’ ty vili’e. Mbore tsy ho soroñeko am’ IEHOVÀ Andrianañahareko ty
tsy amam-bily. Aa le kinalo’ i Davide ami’ty sekele limam-polo i toem-pifofohañey
naho o añombeo; 25 teo ty nandranjia’ i Davide kitrely am’ IEHOVÀ, le nisoroñe
engan-koroañe naho engam-panintsiñañe. Zay ty nisolohoañe amy IEHOVÀ i taney,
nampijihetse i angorosiy am’Israele.

# Mpanjaka I

1 Ie amy zao fa bey naho nigain-kantetse t'i Davide mpanjaka; aa ndra t'ie nisafo-
damba tsy nahazo hafanàñe. 2 Aa le hoe o mpitoro'eo ama'e: Ho paiañe somondrara
ki'e i talèko mpanjakay, ie hijohañe añatrefa' i mpanjakay, hiatrak' aze, naho hàndre
añ'arañа'e, hahazoa' i talèko mpanjakay hafanàñe. 3 Aa le nanitsike i tane Israeley
iereo nitsoeke ty ampela soa; le nitendreke t'i Abisage* nte-Sonamý† vaho nasese amy
mpanjakay. 4 Toe nimontramontra i somondraray; naho niatrake i mpanjakay vaho
nitoroñ' aze fe tsy niolora' i mpanjakay.
5 Nisenge-vatañe amy zao t'i Adonià‡ ana' i Kagite§, ami'ty hoe: Zaho ty ho
mpanjaka. Aa le nihentseñe'e sarete naho mpiningi-tsoavala vaho ondaty limampolo
ho mpilay aolo'e. 6 Mbe lia'e tsy nibosehan-drae'e ami' ty hoe: Manao akore o
anoe'oo? toe ni-ondaty maràm-bintan-dre, nanonjohy i Absalome te nasamake.
7 Nivesoveso am' Ioabe ana' i Tseroia naho amy Abiatare mpisoron-dre; le norihe'
iereo t'i Adonià nañolotse aze. 8 Fe tsy nimpiami' Adonià t'i Tsadoke* mpisoroñe
naho i Benaià† ana' Iehoiada‡ naho i Natane§ mpitoky naho i Simeý naho i Reý vaho
o fanalolahi' i Davideio. 9 Nandenta añondry naho añombe naho kobatròke marine
ty lamilami' i Tsokelete añ'ila' i En-drogele eo t'i Adonià; le kinoi'e iaby o longo'eo,
o ana' i mpanjakaio vaho o nte-Iehoda mpitoro' i mpanjakaio; 10 fe tsy kinanji'e t'i
Natane mpitoky naho i Benaià, naho o fanalolahio vaho i Selomò rahalahi'e, 11 Aa
le nisaontsy amy Betesebà rene' i Selomò t'i Natane ami'ty hoe, Tsy jinanji'o hao
te fa mifehe t'i Adonià ana' i Hagite, vaho tsy fohi' i Davide talèntika? 12 Antao
arè, angao hitolorako hevetse, handrombaha'o ty fiai'o naho ty fiai' i ana'o Selomòy.
13 Akia mb'amy Davide mpanjaka mb'eo, le ano ty hoe: Tsy nifantà'o amo mpitoro'o
ampelao hao, ry talèko mpanjaka, ty hoe: Toe hanonjohy ahy t'i Selomò ana'o hifehe,
hiambesatse am-pitobohako eo? aa vaho akore t'i Adonià, ie mifeheo? 14 Aa ihe mbe
mitaroñe amy mpanjakay, le horihako ao hañonjoñe o saontsi'oo; 15 Aa le niheo mb'
amy mpanjakay añ'efe'e ao t'i Betesebà: toe niloho bey i mpanjakay ie natrafe' i
Abisage nte Sonamý i mpanjakay. 16 Nidrodrètse t'i Betesebà naho niambane amy
mpanjakay. Le hoe i mpanjakay: Ino o paia'oo?
17 Le hoe re tama'e, O ry talèko: Nifanta'o añamy IEHOVÀ Andriananañahare'o amy
anak' ampata'o, ty hoe: Toe hanonjohy ahy am-pifeheañe t'i Selomò ana'o, vaho ie ty
hitobok' amy fiambesam-pifeheakoy. 18 Fe inao te mifehe t'i Adonià henanekeo vaho
tsy fohi'o ry talèko mpanjaka; 19 mbore fa nandenta añombe naho kobatroke vaho
añondry tsifotofoto re le kinoi'e iaby o anam-panjakao, naho i Abiatare* mpisoroñe,
vaho Ioabe mpifelek' i valobohòkey; fe tsy kinanji'e t'i Selomò mpitoro'o. 20 Ie
amy zao hene ama'o, ry talèko mpanjaka ty fihaino' Israele, ty hitaroña'o te ia
ty hiambesatse amy fiambesan-talèko mpanjakay hanonjohy aze. 21 Naho tsy zay,
hifetsake te, ie mirotse an-droae'e ao ty talèko mpanjaka, le hatao mpandilatse raho
naho i Selomò anako. 22 Ie mbe nisaontsy amy mpanjakay, le nimoak' ao t'i Natane
mpitoky 23 vaho nitohine'e ami'ty hoe i mpanjakay, Ingo t'i Natane mpitoky. Aa
ie tafa-zilik' amy mpanjakay, le nibokobokok' aolo' i mpanjakay, nihohok' an-tane
ty lahara'e. 24 Le hoe t'i Natane, Ry talèko mpanjaka, Nitaroñe ty hoe hao rehe te

* 1:3 Abisage: tsy mahafohin-drae'e † 1:3 Sonamý: mampilongo, mpañavake ‡ 1:5 Adonià: taleko t' IEHOVÀ § 1:5 Kagite: rebeke * 1:8 Tsadoke: vantañe, nomein-to † 1:8 Benaià: ana' IEHOVÀ ‡ 1:8 Iehoiadà: fahafohinañe IEHOVÀ § 1:8 Natane: nitambezeñe * 1:19 Abiatare: Rae fanjàka; rae' o sehanga'eo

i Adonià ty hifehe manonjohy azo, le ie ty hiambesatse amy fiambesa’oy? 25 Amy
t’ie nizotso mb’eo anindroany nandenta añombe naho kobatroke naho añondry
maro vaho nambarà’e iaby o anam-panjakao naho o mpifelek’ i valobohòkeio naho
i Abiatare mpisoroñe; ie mikama naho mitohok’ añ’atrefa’e eo, manao ty hoe,
Lava havelo ry Adonià mpanjaka. 26 Fe zaho, zaho mpitoro’o, naho i Tsadoke
mpisoroñe, naho i Benaià ana’ Iehoiadà, vaho i Selomò mpitoro’o—tsy nambara’e.
27 Nanoen-talèko mpanjaka hao izao, ie tsy natoro’o amo mpitoro’oo ty hanonjohy azo
hiambesatse am-piambesan-talèko mpanjaka? 28 Aa hoe ty natoi’ i Davide mpanjaka,
Kanjio homb’ amako mb’ etoa t’i Betesebà. Le niheo mb’ añatrefa’ i mpanjakay
mb’eo re, nijohañe aolo’ i mpanjakay. 29 Le nifanta ty hoe i mpanjakay: Kanao
veloñe t’Iehovà nijebañe ty fiaiko amy ze haoreañe iaby, 30 tsy kalafo te nifantàko
ama’o añam’ Iehovà, Andrianañahare’ Israele, ty hoe: Hifehe handimbe ahy t’i
Selomò ana’o, le ie ty handimbe ahy hiambesatse amy fitobohakoy. Toe hanoeko
anito. 31 Nidròdreke mb’an-tane ty lahara’ i Bete-sebà, niambane amy mpanjakay,
nanao ty hoe: Lonik’ abey te ho veloñe nainai’e ty talèko Davide mpanjaka. 32 Le
hoe t’i Davide mpanjaka, Kanjio homb’ amako mb’etoa t’i Tsadoke mpisoroñe, naho
i Natane mpitoky, vaho i Benaià ana’ Iehoiadà. Aa le nomb’ añatrefa’ i mpanjakay
mb’eo iereo. 33 Le hoe i mpanjakay am’ iereo: Endeso ama’ areo o mpitoro’ i talè’
areoio, le ampiningiro amy borikekoy t’i Selomò, le aseseo hizotso mb’e Gihone
mb’eo; 34 le hañory aze ho mpanjaka’ Israele t’i Tsadoke mpisoroñe naho i Natane
mpitoky; le popòho i antsivay, vaho ano ty hoe: Mahavelo t’i Selomò mpanjaka. 35 Le
mionjona mb’ etoa am-pañorihañ’ aze, le homb’eo re hiambesatse amy fitobohakoy,
amy te ie ty handimbe ahy ho mpanjaka; ie ty jinoboko hifehe Israele naho Iehodà.
36 Aa le hoe ty natoi’ i Benaià ana’ Iehoiada amy mpanjakay: Amena! Lonike t’ie
ty hanoe’ Iehovà Andrianañaharen-talèko mpanjaka. 37 Hambañ’ amy nindreza’
Iehovà amy talèko mpanjakaiy ty hindreza’e amy Selomò, naho honjone’e ambone’
ty fiambesa’ i talèko Davide mpanjakay i fiambesa’ey. 38 Aa le nizotso mb’eo t’i
Tsadoke mpisoroñe naho i Natane mpitoky naho i Benaià ana’ Iehoiada naho o
nte-Kereteo naho o nte Peleteo le natongoa’ iereo amy borìke’ i Davide mpanjakay
t’i Selomò vaho nasese’ iereo mb’e Gihone mb’eo. 39 Le nakare’ i Tsadoke i tsifa
ama’menake boak’ amy Kivohoiy naho noriza’e t’i Selomò vaho nipopoeñe i antsivay;
le hene nirihoñe ty hoe ondatio, Mahavelo ry Selomò mpanjaka. 40 Nionjomb’eo
am-pañorihañe aze ondaty iabio; nitio-tsoly vaho nirebeke an-kafaleam-bey, kanao
nahariatse i taney ty fikontsiaña’ ondatio. 41 Jinanji’ i Adonià naho o nambarà’eo,
ie vaho nianjam-pikama. Le hoe t’Ioabe naho nahajanjiñe ty feo’ i antsivay: Ino o
fipoñafan-drañoraño an-drovao? 42 Ie mbe nisaontsy, ingo, pok’eo t’Ionatane ana’
i Abiatare mpisoroñe: le hoe t’i Adonià: Miziliha, ry lahy manjofake, mpinday
entan-tsoa. 43 Le hoe ty natoi’ Ionatane amy Adonià, Toe i Selomò ty nanoe’ i
Davide mpanjaka talèn-tika, mpanjaka; 44 naho nirahe’ i mpanjakay hindre ama’e
t’i Tsadoke mpisoroñe naho i Natane mpitoky naho i Benaià ana’ Iehoiadà naho
o nte-Kereteo† naho o nte-Peleteo‡, le nampiningire’ iereo amy borì’ i mpanjakaiy;
45 vaho noriza’ i Tsadoke mpisoroñe naho i Natane mpitoky ho mpanjaka e Gihone
ao re; mivoamboañe boak’ ao an-drebeke iereo kanao mañeno-tsatsake o rovao.
Zay o korakoràke janji’ areoo. 46 Eka! fa miambesatse amy fiambesam-pifeheañey
t’i Selomò. 47 Nimb’eo ka o mpitoro’ i mpanjakaio hitata i Davide mpanjaka talèn-
tika ami’ty hoe: Honjone’ i Andrianañahare’o ambone’ ty tahina’o ty tahina’ i
Selomò vaho hampitoabore’e ambone’ i fiambesa’oy ty fiambesa’e; le niondrek’ am-
pandrea’e eo i mpanjakay. 48 Tinovo’ i mpanjakay ty ti-hoe, Andriañeñe t’Iehovà,

† **1:44** Kerete: Mpigarits’aiñe; mpañambeñe ‡ **1:44** Perete: Mpihitrike, mpinday entam-palie

Andriananañahare’ Israele, nanolotse ty hiambesatse amy fitobohakoy anindroany,
hahatreava’ o masokoo. 49 Fonga nangebahebak’ amy zao o nambarà’ i Adoniào,
le niongake, songa ninankañe mb’ an-dala’e mb’eo. 50 Nirevendreveñe amy zao t’i
Adonià ty amy Selomò, le niavotse mb’eo nivontititse amo tsifa’ i kitreliio. 51 Aa
le nisaontsieñe amy Selomò ty hoe: Inao! mañeveñe amy Selomò mpanjaka t’i
Adonià, kanao tambozore’e o tsifan-kitrelio, le hoe ty asa’e, Ehe te hifanta amako
anito t’i Selomò mpanjaka tsy hanjevoñe i mpitoro’ey am-pibara. 52 Le hoe t’i Selomò,
Naho miboake hondaty vañon-dre, leo raik’ amo maroi’eo tsy hipok’ an-tane; f’ie
tendrehan-kaloloañe le hihomake. 53 Aa le nañirake t’i Selomò mpanjaka, vaho
nazotso’ iareo amy kitreliy. Nimb’eo re niambane amy Selomò mpanjaka; le hoe
ty Selomò ama’e: Akia mb’ añ’akiba’o añe.

# 2

1 Nitotok’ amy zao ty andro hikoromaha’ i Davide; le hoe ty nafè’e amy Selomò
ana’e, 2 Homb’ amy fombà’ ty tane-bey toy raho: aa le mihafatrara h’ondaty;
3 mifahara amy nafanto’ Iehovà Andriananañahare’oy, ty hañavelo amo lala’eo, ty
hañambeñe o fañè’eo naho o taro’eo ie misokitse amy Hà’ i Mosèy, soa t’ie
hahatafetetse amy ze hene toloñe’o, ndra aia aia ty itoliha’o, 4 hampijadoña’ Iehovà
i entañe tsinara’e amakoy, ty hoe, Naho ambena’ o ana’oo o lia’eo, hañavelo
añatrefako eo an-katò, an-kaampon’ arofo vaho an-kaliforam-pañova, le tsy ho-pok’
ondaty amy fiambesa’ Israeley rehe. 5 Fohi’o ka i nanoe’ Ioabe ana’ i Tseroia amakoy,
naho i nanoe’e amy mpifehe roe’ i valobohò’ Israeley rey, amy Abnere ana’ i Nere,
naho amy Amasà ana’ Ietere, ie vinono’e naho nampiorihe’e lio an-tsan-kanintsiñe
hoe an-tsan’aly, vaho nampidiañe’e lion’ aly o toha’eo hoe sadia naho hoe hana am-
pandia’eo. 6 Ano arè ami’ty hihi’o, le ko ado’o hizotso mb’an-tsikeokeok’ ao am-
panintsiñañe i añambone’e fotiy. 7 Le ampiboaho falalàñe amo ana’ i Bartsilay nte-
Giladeo, naho angao ho mpiamo mpikama am-pandambaña’o; fa nimb’ amako iereo,
ie nitriban-day ty amy Absalome rahalahi’oy. 8 Oniño te ama’o ka i ana’ i Simeiý
ana’ i Gera nte-Beniamine boake Bakorimey, i namatse ahy an-kaloloañe amy andro
nimbàko mb’e Maknaime mb’eoy f’ie nizotso nifanalaka amako am’ Iordaney, le
nifanta ama’e añamy Iehovà raho t’ie tsy havetrako am-pibara. 9 Ie amy zao ko
atao’o malio tahiñe, ihe ondaty mahihitse; le ho fohi’o ze hanoe’o le ampigodaño
an-dio mb’ an-tsikeokeok’ ao i añambone’e fotiy. 10 Aa le nitrao-piròtse an-droae’e
t’i Davide vaho nalentek’ an-drova’ i Davide ao. 11 O andro nifehea’ i Davide Israeleo
le efa-polo taoñe, fito taoñe ty nifehea’e e Kebrone vaho telopolo-telo’ amby toañe ty
nifehea’e e Ierosalaime ao.

12 Niambesatse amy fiambesa’ i Davide rae’ey t’i Selomò vaho nisoa oreñe i
fifehea’ey. 13 Niheo mb’amy Betesebà rene’ i Selomò mb’eo t’i Adonià ana’ i Kagý,
nanao ty hoe: An-kanintsiñe hao ty ihova’o mb’etoa? Le hoe re: Hanintsiñe. 14 Le hoe
re: Aman-entañe ho ama’o raho. Hoe ty natoi’e, Misaontsia arè. 15 Le hoe re: Fohi’o
te ni-ahiko i fifeheañey vaho nitolik’ amako o lahara’ Israele iabio, te zaho ty hifeleke:
fa ie amy zao nifamotetse i fifeheañey t’ie an-drahalahiko, amy te aze añamy Iehovà.
16 Aa ie henaneo, raik’ avao ty halaliko ama’o; ko lane’o. Le hoe re ama’e. Misaontsia.
17 Le hoe re: Ehe misaontsia amy Selomò mpanjaka (ie tsy handiets’ azo), t’ie
hanolots’ ahy i Abisage nte-Sonamý ho valiko. 18 Le hoe t’i Betesebà, Ie zay, ho
volañeko amy mpanjakay i azoy. 19 Aa le nimb’ amy Selomò mpanjaka t’i Bete-sebà
hitaroñe i Adonià. Niongake nifañaoñe ama’e i mpanjakay naho nidròdreke vaho
niambesatse am-piambesa’e eo, le nampipoha’e fiambesatse ho a i renem-panjakay;
vaho niambesatse an-kavana’e eo. 20 Aa hoe re, Mihalaly raha kede ama’o raho le
ko mandietse. Le hoe i mpanjakay ama’e, Mihalalia arè ene, fa tsy ho liereko. 21 Le

hoe re, Ehe, atoloro ho tañanjomba' i Adonià rahalahi'oy t'i Abisage nte Sonamý.
22 Natoi' i Selomò mpanjaka an-drene'e ty hoe: Aa vaho akore ty ihalalia'o ho a i
Adonià i Abisage nte-Sonamý? halalio ho aze ka ty fifeheañe toy fa zokeko; eka ho aze
naho i Abiatare mpisoroñe vaho Ioabe ana' i Tseroià. 23 Nifanta am' IEHOVÀ amy zao
t'i Selomò mpanjaka, ami'ty hoe; Ee te hanoen' Añahare amako naho mandikoatse,
naho tsy namoea'e ay ty amo enta'e zao. 24 Aa kanao veloñe t'IEHOVÀ nampijadoñe
ahy naho nampitobok' ahy am-piambesan-draeko naho namboatse anjomba ho ahy,
ty amy tsara'ey, le tsy mete tsy havetrake t'i Adonià te anito. 25 Nirahe' i Selomò
mpanjaka am-pità' i Benaià ana' Iehoiada te hiambotrahañe, vaho nihomake re.

26 Le nanao ty hoe amy Abiatare mpisoroñe i mpanjakay: Akia mb'e Anatote,
mb'amo tete'oo mb'eo; toe mañeva ho mate; fe tsy havetrakoo hey, amy te
nitarazoe'o añatrefan-draeko ty vata' i Talè IEHOVÀ, naho fonga nisotria'o ze
nisilofan-draeko. 27 Aa le sinoi' i Selomò t'i Abiatare tsy ho mpisoroñe am' IEHOVÀ;
soa te ho heneke ty tsara' natao' IEHOVÀ amy anjomba' i Elý e Silòy. 28 Natalily am'
Ioabe i nanoeñe zay, amy te nandifike mb'amy Adonià t'Ioabe, ndra t'ie tsy nandifike
mb'amy Absalome. Le nipitsike mb'an-Kivoho' IEHOVÀ mb'eo t'Ioabe nivontititse amo
tsifa' i kitreliio. 29 Sinaontsy amy Selomò mpanjaka ty hoe: Fa nivoratsake mb' an-
Kivoho' IEHOVÀ ao t'Ioabe, inao, amy kitreliy eo. Le nampañitrife' i Selomò t'i Benaià
ana' Iehoiada ami'ty hoe: Akia iambotraho. 30 Niheo mb'amy Kivoho' IEHOVÀy mb'eo
t'i Benaià le hoe ty asa'e tama'e: Hoe ty saontsi' i mpanjakay: Miavota. Fa hoe
re: Aiy! hikenkañe atoy raho. Aa le nabali' i Benaià amy mpanjakay ty hoe: Hoe
ty saontsi' Ioabe, vaho zao ty navale'e ahy. 31 Le hoe i mpanjakay tama'e: Ano i
vinola'ey, iambotraho vaho alenteho; hañafaha'o amako naho añ'anjomban-draeko
ty lio nampiorihe' Ioabe tsy vente'e. 32 IEHOVÀ ty hamalike ty lio'e añambone'e,
amy t'ie niambotrak' amy t'indaty roe vantañe naho soa te ama'e, vaho zinevo'e am-
pibara, ie tsy nifohin-draeko: i Abnere ana' i Nere, mpifehe' ty valobohò' Israele, naho
i Amasà ana' Ietere, mpifeleke ty valobohò' Iehoda. 33 Aa le hibalik' amy añambone'
Ioabey, naho an-doha' o tiri'eo nainai'e kitro katroke ty lio' iareo; fe fanintsiñañe
nainai'e kitro añ'afe'e ty ho amy Davide naho o tiri'eo naho i anjomba'ey vaho i
fiambesa'e boak' am' IEHOVÀy. 34 Nionjoñe mb'eo amy zao t'i Benaià ana' Iehoiada,
le niambotraha'e, naho navetra'e; vaho nalentek' añ' anjomba'e am-patrambey añe.

35 Le najado' i mpanjakay an-toe'e ho mpifehe i valobohòkey t'i Benaià; naho
an-toe' i Abiatare t'i Tsadoke mpisoroñe. 36 Nampañitrife' i mpanjakay t'i Simeý,
le nanoa'e ty hoe: Mandranjia anjomba e Ierosalaime atoy, le imoneño, vaho ko
iakara'o homb' aia ndra aia. 37 Fa amy andro iavota'o hitsake i Kidroneiy, le
mahafohina an-katò t'ie toe hikenkañe; vaho ho amy añ'ambone'oy ty lio'o. 38 Aa
hoe t'i Simeý amy mpanjakay: Noko o saontsi'oo; le i tinaro' i talèko mpanjakay ty
hanoe' o mpitoro'oo, vaho nimoneñe e Ierosalaime ao andro maro t'i Simeý. 39 Fa
ie nimodo ty telo taoñe le nitriban-day mb'e Akise ana' i Maakà mpanjaka' i Gate ty
mpitoro' i Simeý roe. Aa le natalily amy Simeý ty hoe: Inao e Gate añe i mpitoro'o
rey. 40 Niongak' amy zao t'i Simeý nidiañe i borìke'ey, le nañavelo mb'e Akise e Gate
añe nipay i mpitoro'e rey; nimb'eo t'i Simeý le nendese'e boake Gate i mpitoro'e
rey. 41 Natalily amy Selomò te niavotse Ierosalaime t'i Simeý nomb'e Gate mb'eo
vaho nimpoly. 42 Aa le nampañitrife' i mpanjakay naho kinoi'e t'i Simeý, le nanoa'e
ty hoe: Tsy nampifantàko am' IEHOVÀ hao rehe, naho nañatahata azo ami'ty hoe:
Mahafohina an-katò te ami'ty andro iavota'o vaho añaveloa'o añe le tsy mete tsy
hikoromake? vaho hoe rehe tamako: Soa o entañe tsinanokoo. 43 Aa vaho akore arè
te tsy nambena'o i nifantà'o amy IEHOVÀy, naho i lily namantohako azoy? 44 Tinovo'
i mpanjakay amy Simeý ty hoe: Fohi'o iaby ty haloloañe iantofan-tro'o, i nanoe'o an-
draekoy; aa le habali' IEHOVÀ añambone'o o halò-tsere'oo. 45 Fe ho tahie'e t'i Selomò

mpanjaka, vaho hajadoñe añ'atrefa' IEHOVÀ kitro añ' afe'e ty fiambesa' i Davide. [46] Aa
le nafanto'e amy Benaià, ana' Iehoiada; niavotse re niambotrak' ama'e le nivetrake.
Nijadoñe am-pità' i Selomò amy zao i fifeheañey.

# 3

[1] Nanao filongoañe am-panambaliañe amy Parò mpanjaka' i Mitsraime t'i Selomò,
ie nañenga ty anak'ampela' i Parò, vaho nendese'e an-drova' i Davide ampara'
te nifonitse ty anjomba nandranjia'e naho ty anjomba' IEHOVÀ naho ty kijoli'
Ierosalaime nañarikatoke aze. [2] Nanao soroñe ankaboañe eñe ondatio, amy t'ie
tsy aman' anjomba rinafitse ho amy tahina' IEHOVÀy tañ'andro zay. [3] Nikokoa' i
Selomò t'IEHOVÀ naho nañavelo amo fañèn-drae'eo; f'ie nanao soroñe an-kaboañe
eo. [4] Nimb'e Gibone añe i mpanjakay hisoroñe amy te zay ty haboañe bey; soroñe
arivo ty nengae' i Selomò amy kitrely zay.
[5] Ie te Gibone añe, le nisodehañe amy Selomò haleñe ami'ty nofy t'IEHOVÀ; le
hoe t'i Andrianañahare: Mihalalia, Ino ty hatoloko azo? [6] Le hoe t'i Selomò:
Fañisoham-bey ty natolo'o amy Davide raeko mpitoro'o, ie nañavelo añatrefa'o
an-katò naho an-kavantañañe, naho an-kavañonan' arofo vaho nahaja'o ho aze o
fatarihañe ra'elahy zao te tinolo'o anake hiambesatse amy fiambesa'ey manahake
henanekeo. [7] Ie henane zao, ry IEHOVÀ Andrianañahareko, fa nanoe'o mpanjaka
handimbe i Davide raeko ty mpitoro'o; zaho mbe anak' ajaja, tsy mahay miakatse
ndra mimoake. [8] Le añivo' ondati'o jinobo'oo ty mpitoro'o, ondaty mitozantozañe
tsy lefe iaheñe ami'ty havasiaña'e. [9] Aa le toloro troke mahilala ty mpitoro'o
hahafizaka'e ondati'oo, hahafitsakorea'e añivo' ty soa naho ty raty; fa ia ty hahafizaka
ondati'o ra'elahy retoañe? [10] Nisoa ampihaino' i Talè, i nihalalia' i Selomòy. [11] Le
hoe t'i Andrianañahare ama'e: Kanao izay ty nihalalia'o, naho tsy hinalali'o ho azo ty
halava-haveloñe, tsy hinalali'o ho azo ty vara-bey, tsy hinalali'o ty fiain-drafelahi'o;
fe nihalalie'o ty fahafohinañe hahatsikaritse ty hatò. [12] Inao, nanoeko i sinaontsi'oy:
ingo te nitolorako arofo mahihitse naho mahilala; kanao tsy eo ty nanahak' azo
taolo'o, naho tsy ho amam-panonjohy hitroatse hañirinkiriñe azo; [13] vaho natoloko
azo ka o tsy nihalalie'oo, ty vara naho ty asiñe, soa tsy eo ty mpanjaka hanahak' azo
amo hene andro'oo. [14] Aa naho añaveloa'o o lalakoo, hañambeñe o fañèkoo naho o
lilikoo, manahake ty fañaveloan-drae'o Davide, le halavaeko o andro'oo. [15] Nivañoñe
amy zao t'i Selomò le naheo'e t'ie nofy; nomb'e Ierosalaime mb'eo re, nijohañe
añatrefa' i vatam-pañina' i Talèy eo le nañenga soroñe naho engam-panintsiñañe,
vaho nanoa'e sabadidake o mpitoro'e iabio.
[16] Niheo mb'amy mpanjakay amy zao ty karapilo roe, nijohañe añatrefa'e eo [17] le
hoe ty rakemba raike: O ry talèko, mitrao-pimoneñe an-kibohotse ami'ty rakemba
tiañe raho; vaho nahatoly ajaja t'ie an-traño ao. [18] Aa ie amy andro fahatelo' i
niterahakoiy le nahatoly ka o rakembao, vaho niharo ao zahay; tsy aman' ambahiny
i kibohotsey naho tsy zahay roe avao ty an-traño ao. [19] Nisimba haleñe ty ana' o
rakembao, amy te nandrea'e. [20] Nitroatse amy haleñey re nandrambe i anadahiko
marine ahiy, ie niroro ty anak' ampata'o, le nampandre'e añ' arаña'e; vaho napo'e
añ' arañako eo i ana'e niopoy. [21] Aa izaho nañente te maraindray hampinono i
anakoy, hehe te mate; f'ie nibiribirieko amy maraiñey; hete! tsy i ana-dahy naterakoy
toke. [22] Le hoe ka i rakemba raikey: Aiy! i veloñey ro anako, vaho simba i azoy; Fa
hoe ka ty asa' itiañe: Tsie fa toe ana'o i nisimbay, vaho veloñe i anadahiko. Zay
ty enta' iareo añ' atrefa' i mpanjakay. [23] Le hoe i mpanjakay: Hoe ty asa' ty raike:
Anadahiko ty veloñe toy, naho mate i ana-dahi'oy; hoe ka i raikey: Aiy! fa i ana'oy ty
mate vaho veloñe i anadahikoy. [24] Le hoe i mpanjakay: Angalao fibara, le nindesa'
iareo fibara i mpanjakay. [25] Le hoe i mpanjakay: Tampaho roe i ajaja veloñey, le

atoloro amy raikey ty vaki'e naho amy ila'ey ty vaki'e. 26 fe nitoreo amy mpanjakay
i rakemba rene' i ajaja veloñeiy, ie niferenaiñan-tro'e i ana-dahi'ey, ami'ty hoe: O
talèko, atoloro aze i ajaja veloñey, ehe tsy vonoeñe, Fa hoe ka i raikey, Tsy ho ahy
tsy ho azo; salàho! 27 Aa le hoe ty navale' i mpanjakay: Atoloro aze i ajaja veloñey
le ko vonoeñe! ie ty rene'e. 28 Jinanji' Israele iaby i zaka tinaro' i mpanjakaiy;
vaho nañeveñe amy mpanjakay, amy te nioni' iareo te ama'e ty hihin' Añahare
hahahenefa'e zaka.

# 4

1 Nifeleke Israele iaby t'i Selomò mpanjaka. 2 Le zao o roandria'eo: i Azarià*, ana'
i Tsadoke mpisoroñe, 3 i Elikòrefe† naho i Akià‡ ana' i Sisà§, mpanokitse, Iehosafate*
ana' i Akilode†, mpamolily; 4 i Benaià ana' Iehoiada, mpifehe i valobohòkey, le
mpisoroñe t'i Tsadoke naho i Abiatare; 5 i Azarià ana' i Natane, ty mpifeleke o
mpiaoloo; mpisoroñe naho mpiamy mpanjakay t'i Zabode‡ ana' i Natane; 6 talè'
i anjombay t'i Akisare§; vaho mpiaolo ty fañondrohan-kàba t'i Abdà*. 7 Nanam-
pifeleke folo-ro'amby t'i Selomò nifehe Israele iaby, o namahañe i mpanjakay naho
i anjomba'eio. Songa namahañe volañe raik' ami'ty taoñe. 8 Zao o tahina' iareoo:
I Ben-Kore† am-bohibohi' i Efraime; 9 i Ben-Dekere‡ e Makatse§ naho e Betesemese*
naho e Elone-Bete-Khanàne†; 10 i Ben-Kesede‡ e Arobote§; aze ka t'i Sokò* naho ze
hene tane e Kefere†; 11 i Ben' abinadabe‡ amy fari' i Dore§, aze t'i Tafate* anak'
ampela' i Selomò tañanjomba'e. 12 I Baana†, ana' i Akilode, aze t'i Taanake‡, i Megidò§
naho i Beteseane* iaby marine' i Tsaretane ambane' Iizreèle boake Beteseane pak'
Abel-mekolà† mb'an-kalo' Iokneame‡ ao; 13 i Ben-Gebere§, e Ramote*-gilade†, aze o
rova' Iaere ana' i Menasè e Giladeo; aze ka ty fari' i Argobe‡ e Basane§ ao, rova
enempolo jabajaba reketse kijoly naho sikadañe torisike; 14 i Akinadabe*, ana' Idò†,
e Maknaime‡; 15 i Akimatse§ e Naftalý ao; nengae'e ka t'i Basmate*, anak' ampela'
i Selomò, 16 i Ba' anà†, ana' i Kosàý‡, e Asere§ naho e Bealote*; 17 Iehosafate, ana' i
Paroà† e Isakare; 18 i Simeý‡ ana' i Elà§, e Beniamine; 19 i Gebere* ana' i Orý†, an-
tane' i Gilade, an-tane' i Sikone‡ mpanjaka' o nte-Amoreo, naho a i Oge§ mpanjaka'
i Basane; vaho raike ty mpifehe i tane iabiy.

* **4:2** Azarià: ty mahajanjiñe IEHOVÀ † **4:3** Elekòrefe; Tale' ty asotry ndra hatora'e ‡ **4:3** Akià: rahalahi' IEHOVÀ § **4:3** Sisà: atrefe' IEHOVÀ; marbre; fanjàka * **4:3** Iehosafate; I IEHOVÀ ro mpanjaka † **4:3** Akilode: samake rahalahy ‡ **4:5** Zabode, Zabade: entan'ampela: natolotse § **4:6** Akisare: rahalahi: roandriañe, sabo * **4:6** Abdà: mpitoroñe, fitoroñañe † **4:8** Ben: anake; Kore: fidada; hafotia; hirike ‡ **4:9** Dekere: haozarañe § **4:9** Makatse: figadoñañe; fitamàñe * **4:9** Betesemese; anjomba' i àndroy † **4:9** Elone-Bete-Khanàne: akiba' ty mafiry ‡ **4:10** Ben-Kesede: Anam-patarihañe § **4:10** Arobote; lafinety: lalankede * **4:10** Sokò: kibohotse † **4:10** Kefere: mpihaly ‡ **4:11** Abinadabe: raem-pañina,-pavitrihañe § **4:11** Dore: tariratse raike, fimoneñañe * **4:11** Tafate: evoñe mitsopake † **4:12** Baanà: ami'ty vale'e; an-kasotriañe ‡ **4:12** Taanake: i mampirek'azoy, manoiñe azo § **4:12** Megidò: fanjaka o voa'eo; mitsey * **4:12** Beteseane: anjomban-tsifa; † **4:12** Abel-mekolà: golobom-pitsinjahañe ‡ **4:12** Iokneame: mampionjoñe ondatio § **4:13** Ben-Gebere: Ana-dahilahy/maozatse * **4:13** Ramote: ankaboa † **4:13** Gilade: ty votrin-talily ‡ **4:13** Argobe: tane kobokara § **4:13** Basane: aman-tsifa * **4:14** Akinadabe: rahalahy pañina mahimbañe † **4:14** Idò: o mpirimboñe ama'eo; ozatse; enge ‡ **4:14** Maknaime: Kivoho: teteke/rimboñe roe § **4:15** Akimatse: rahalahy ty fivory; * **4:15** Basmate: nanoañe rano mañitse; † **4:16** Ba'anà: ami'ty navale'e; an-kasotriañe ‡ **4:16** Kosày: ty falisa' iareo; ty fianjiña' iareo § **4:16** Asere: hafaleañe * **4:16** Bealone: nahifik' ambane † **4:17** Paroà: miraorao; mihelañe añe ‡ **4:18** Simeý: mahajanjiñe mañorike; engeko; § **4:18** Elà: kobaiñe; fatse; fandañirañe * **4:19** Gebere: Vata'e lahilahy; maozatse † **4:19** Orý: ty failoko; ty afoko ‡ **4:19** Sikone: Ombotañe; figadoñañe § **4:19** Og: mofo vonga'e natono am-bain'afo

[20] Nitozantozañe mira amo faseñe añ' olon-driakeo t'Iehoda naho Israele ami'ty hamaro'e, nikama, ninoñe vaho nifale.

# 5

[1] Nifehe ze hene fifeheañe boak' amy Sakay pak'an-tane' o nte-Pelistio, sikala
añ'efe-tane' i Mitsraime; sindre ninday roroñe vaho nitoroñe i Selomò amo fonga
andro niveloma'eo. [2] Ty anjara' i Selomò ami'ty andro raike le mona'e telo-polo kore*,
vaho mahakama enempolo kore; [3] añombe vondrake folo naho añombe boak' am-
piandrazañe roa-polo naho añondry zato, rekets' ayale† naho tsebý‡ naho yakmore§
vaho voroñe vondrake. [4] Amy te nifeheze'e iaby i tane boak' amy Sakay atoiy, boak' e
Tipsà pake Gazà; fonga nifehè'e o mpanjaka an-dafe' i Sakay atoio; vaho nierañerañe
iaby ty nañohok' aze. [5] Aa le niaiñ' añoleñañe t'Iehoda naho Israele, songa ondaty
ambane' i vahe'ey naho i sakoa'ey, boake Dane pake Beersebà, amo hene' andro' i
Selomòo. [6] Nanañe kijan-tsoavala efats' ale ho a o sarete'eo t'i Selomò naho mpiningi-
tsoavala rai-ale-tsi-ro'arivo. [7] Namahañe mahakama amy Selomò i mpifeleke rey,
ho amy maro nimoak' am-pandambaña' i Selomò mpanjakay, songa ondaty ami'ty
vola'e, le tsy ama'e ty nengañe mipoke. [8] Vaho nandesa' iareo vare hordea naho
ahetse o soavalao vaho o soavala mpipitsikeo sindre mb' an-toe'e ao, songa ondaty
ty amy lili'ey.
[9] Tinolon' Añahare hihitse naho hilala ambone, t'i Selomò, naho arofo manga-
dagadañe, manahake ze hene' faseñe añ' olon-driakey. [10] Nandikoatse ty hihi' o anan-
tatiñanañe iabio naho ty hihi' i Mitsraime iaby ty hihi' i Selomò. [11] Toe nahihitse te
amy ze kila ondaty, naho te amy Etane* nte-Zerake† naho i Hemane‡ naho i Kal'kole§
naho i Dardà* vaho o ana' i Makoleo†; le nifohin-tahinañe amy ze hene fifeheañe
mb'eo mb'eo. [12] Telo-arivo ty razan-drehake nitaroñe'e, vaho arivo-lime amby o
sabo'eo. [13] Nitalilie'e ze hatae iaby, ty mendoraveñe e Lebanone añe naho i seva
mitiry an-tsifin-kijoliy; tinaro'e ze biby naho voroñe naho ze raha milalilaly vaho
fiañe. [14] Nimb' eo boak' amy ze kilakila' ndaty ty hijanjiñe o hihi' i Selomòo; niboak'
amy ze hene mpanjaka' ty tane toy ty nahajanjiñe i hihi'ey.
[15] Nirahe' i Kirame‡, mpanjaka' i Tsore§ mb'amy Selomò mb'eo o mpitoro'eo,
ie nahajanjiñe t'ie norizañe ho mpanjaka handimbe an-drae'e; amy te nainai'e
nimpirañetse amy Davide t'i Kirame. [16] Aa le nampihitrife' i Selomò amy Kirame, ty
hoe: [17] Fohi'o te tsy nahafamboatse anjomba ho a i tahina' IEHOVÀ Andrianañahare'ey
t'i Davide raeko, ty amo hotakotake niariseho azeo ampara' t'ie napo' IEHOVÀ ambane'
o lelam-pandia'eo. [18] Fe tinolo' IEHOVÀ Andrianañahareko fitofàñe ty miariary ahy
iaby henanekeo, amy t'ie tsy aman-drafelahy ndra raha mizo. [19] Ingo, hoe ty volako,
Handranjiako anjomba ty tahina' IEHOVÀ Andrianañahareko, ty amy tsinara' IEHOVÀ
an-draeko Davidey, ty hoe: Ty ana'o hampiambesarako am-piambesa'o ty hamboatse
anjomba ho ami'ty añarako. [20] Aa le lilio ty hamiràñe mendoraveñe e Lebanone* ao,
le hindre amo mpitoro'oo o mpitorokoo vaho hatoloko ama'o ho a o mpitoro'oo ty
tambe toñone'o ho a iareo, ie fohi'o te tsy ama'ay ty mahafira hatae manahake o nte-
Tsidoneo. [21] Ie jinanji' i Kirame i saontsi' i Selomòy le vata'e nirebeke vaho nanao
ty hoe: Andriañeñe t'IEHOVÀ henane zao, Ie nanolotse i Davide anake mahihitse
hifeleke ondaty jabajaba retoañe. [22] Aa le nahitri' i Kirame amy Selomò ty hoe: Fa

* 5:2 kore: haron-kafotse † 5:3 Ayale: biby lý bey mahafipitsike ‡ 5:3 Tsebý: manaha-tahake i Ayaley § 5:3 yakmore: biby bey manahake ty Tseby * 5:11 Etane: maozatse; ravoravo' i tokonosey † 5:11 Zerake: olotse; ‡ 5:11 Hemane: ty fasosora' iareo; mialy § 5:11 Kal'kole: mpamahañe, mpampibotseke, * 5:11 Dardà: anjomban-kilala † 5:11 Makole: kepeke, marovany; miheve ‡ 5:15 Kirame: mañonjo-kavelo: mpandrotsake § 5:15 Tsore: haozarañe; lamilamy; masioñe * 5:20 Lebanone: foty: rame

tsinanoko i nañitrifa'o ahiy le hene hanoeko o satrien' arofo'oo amo mendoraveñe
naho haradrantoo. 23 Hazotso' o mpitorokoo boake Lebanone pak' an-driak' añe
zay; le hamboareko t'ie hihafo amy riakey handenà' iereo mb'amy toetse hatoro'o
ahio, naho hakatrak' añe, vaho ho rambese'o; le ihe ty hañeneke i fañiriakoy te
hamahana'o mahakama ty akibako.

24 Aa le natolo' i Kirame amy Selomò ze fonga mendoraveñe naho haradranto ni-
paia'e. 25 Natolo' i Selomò amy Kirame ka ty vare-bolè ro'ale kore hamahana'e o
añ'anjomba'eo, naho menake finofoke roapolo kore; zay ty natolo' i Selomò amy
Kirame taoñ' an-taoñe. 26 Tinolo' IEHOVÀ hihitse t'i Selomò, ty amy nitsarae'e ama'ey
le nifampilongo t'i Kirame naho i Selomò; vaho nifanao fañina. 27 Aa le hene nampi-
tsatoha' i Selomò haba t'Israele, ondaty telo-ale i haba zay 28 vaho nampihitrife'e
mb'e Lebanone mb'eo, rai-ale boa-bolañe ty nifandimbe, volañe raike e Lebanone
añe naho roe volañe añ' anjomba'e ao; i Adonirame† ty nifehe i hàbay. 29 Fito-ale
ty mpijiny kilanka' i Selomò naho valo-ale ty namira am-bohitse añe; 30 mandikoatse
zay o mpifehe' i Selomò nifelek' o fitoloñañeoo: telo-arivo-tsi-telon-jato ty nifeleke
ondatio amo fitoloña'eo. 31 Nandily t'i Selomò vaho nihaliañe vato jabajaba, vato
soa, handranjiañe o mananta' i anjombaio am-bato pinèke. 32 Aa le rinamerame' o
mpandranji' i Selomòo naho o mpamboa' i Kirameo naho o nte-Gebaleo‡ irezay, naho
nañalankañe o hatae vaho vato nandranjiañe i anjombaio.

# 6

1 Aa ie amy taom-paha-efajato-tsi-valompolo niavota' o ana' Israeleo an-tane' i
Mitsraimey, amy taom-paha-efam-pifehea' i Selomò Israeley, amy volantatakey, i
volam-paharoey, ty namotorañe ty fañamboara'e i anjomba' IEHOVÀy. 2 Ty anjomba
rinanji' i Selomò am' IEHOVÀ, ie kiho enem-polo ty andava'e naho kiho roapolo ty
am-pohe'e vaho kiho telopolo ty haabo'e. 3 Ty lavaranga aolo' i efe-bei' i anjombay
le roapolo kiho ty andava'e, mira ami'ty am-pohe' i anjombay; vaho folo kiho ty am-
pohe'e aolo' i anjombay eo. 4 Nandranjia'e lalan-kede i anjombay, bey ty ampohe' ty
añate'e naho maifitse ty alafe'e. 5 Natratrañà'e o rindri' i anjombaio mañarikatoke
i anjombay, naho i efetse beiy vaho i efe-miavakey; aa le nandranjia'e efets' efetse
ty mañariary aze; 6 o efetse ambaneo le kiho lime ty ampohe'e, naho enen-kiho ty
añivo'e vaho kiho fito ty fahatelo'e; nandranjia'e soñy i rindriñe alafe' i anjombay
mañariary azey, soa tsy hifahatse amo rindri' i anjombaio o manantañeo; amy te,
7 ie narafitse i anjombay, le narafitse am-bato nihentseñeñe am-pihaliañe añe; vaho
tsy nijanjiñeñe amy anjombay am-pandranjiañe aze ty ana-bato ndra fekoñe ndra
haraotse viñe. 8 Ty lala' o mizakitse añ'ila ankavana' i anjombaio, le nionjoñe am-
panongañe nivanditse mb'amo mizakitse añivoo, vaho boak' amy añivoy pak' amy
fahateloy. 9 Aa le rinanji'e i anjombay naho nifonira'e; vaho kinape'e varambañe
naho boda mendoraveñe i anjombay. 10 Le rinanji'e vatsa hañarikatoke i anjombay,
songa kiho lime ty haabo'e; ie nirampy amy anjombay am-boda-mendoraveñe.

11 Aa le niheo amy Selomò ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 12 O anjomba amboare'oo:
ie añaveloa'o o fañèkoo naho anoe'o o nafepèkoo vaho hene ambena'o o lilikoo,
hañaveloa'o, le hajadoko ama'o i entako nitsaraeko amy Davide rae'oy, 13 te
himoneñe añivo' o ana' Israeleo raho, vaho tsy haforintseko ondatiko Israeleo. 14 Aa
le rinanji' i Selomò i anjombay vaho nahafonitse.

15 Le rinanji'e am-baramba mendoraveñe o rindriñe amy anjombaio boak' an-tane
pak' an-tsazo'e ambane riha eo; le nilafiha'e hatae o añate'e iabio vaho nilafiha'e

† 5:28 Adonirame: IEHOVÀ andindimoneñey ‡ 5:32 Gebale: voafaritsoke, voa-fehe

haradranto ty ambane eo. 16 Natratraña'e kiho roapolo ty amboli' i anjombay, am-
baramba mendoraveñe mifototse an-tane pak' an-tapenake, nanoa'e efetse añate'e
ao ho toem-pitsarañe, ho toetse masiñe do'e. 17 I trañoy—i efetse aolo' i masiñe
do'eiy, le efa-polo kiho ty an-dava'e. 18 Sinokitse sarem-bebeke naho voñe miborake
o mendoraveñe añate' i anjombaio; ama' mendoraveñe iaby zay, tsy nahaisaham-
bato. 19 Hinalanka'e amy anjombay i toe-miavakey, hampidona'e i vatam-pañina'
IEHOVÀy. 20 Kiho roapolo ty andava'e miaolo i toe-miavakey, naho kiho roapolo ty
am-pohe'e le kiho roapolo ty haabo'e, le nitemere'e volamena ki'e; napo'e ao ka
ty kitrely, le sinaro'e mendoraveñe. 21 Nitemere' i Selomò am-bolamena ki'e ka i
trañoy, naho kinazaza'e silisily volamena ty aolo' i toe-miavakey vaho nandafiha'e
volamena. 22 Hene nitemere'e am-bolamena i trañoy, ampara' te nifonitse i trañoy;
vaho nipakora'e aolamena iaby ty kitreli' i toe-miavakey. 23 Nandranjia'e kerobe roe
an-talý i toe-miavakey, songa kiho folo ty haabo'e. 24 Kiho lime ty ela' ty kerobe raike,
naho kiho lime i ela ila'ey; kiho folo ty boak'an-dengon-ela'e raike pak'an-dengo' i
ila'ey. 25 Nivelatse kiho folo ka i kerobe raikey, songa aman-jehe mira naho aman-
kabey mira i kerobe roe rey. 26 Folo kiho ty haabo' ty kerobe raike, mira ama'e ty
ila'e. 27 Napo'e añivo' i efetse añate'ey i kerobe rey, le nivelareñe ty ela' o kerobeo
naho nioza ami'ty rindriñe ty ela' ty raike naho nioza an-drindriñe tandrife'e ka ty
ela' i kerobe raike vaho nifañoza añivo' i efetsey ty lengon-ela' iareo ila'e. 28 Pinako'e
am-bolamena i kerobe rey. 29 Le nanokira'e sare kerobe naho satrañe mb'eo mb'eo
amo rindri' i anjombay iabio, vaho nandafiha'e voñe miborake añate'e naho alafe'e.
30 Nandafiha'e am-bolamena ka ty ambane' i anjombay, i añate'ey naho i alafe'ey.
31 Nandranjia'e lalañe an-talý i toe-miavakey, ze napetak' an-dahin-dalañe an-drirañe
lime. 32 Aman-talý i lalañe roe rey; le nanokira'e sare-kerobe naho satrañe vaho voñe
miborake, le nipakora'e volamena o kerobeo naho o satrañeo. 33 Zay ka ty nanoa'e i
fimoahañe i anjombay, lahindalañe an-talý, an-drira'e efatse. 34 Haradranto i lalañe
roe rey; miodikodiñ' an-tsoavili'e ty lela roe ty lalañe raike, vaho miodiñe ka ty
lela roe' i lalañe ila'ey. 35 Le nanokira'e kerobe naho satrañe naho voñe miborake
vaho nipakora'e volamena natsifitse soa amy sinokitsey. 36 Namboare'e am-bato
nivañeñe telo sosoke naho soso'e raik' am-boda mendoraveñe ty kiririsa añate'e.
37 Ie am-bolan-tatak' i taom-pah' efatsey ty nampijadoñañe o mananta' i anjomba'
IEHOVÀio; 38 vaho ami'ty vatravatra, volam-paha-valo' i taom-paha-folo-raik' ambiy
ty nahafonirañe i anjombay ami'ty lafi'e iaby ty amy ze hene nisafirieñe ama'ey. Aa
le fito taoñe ty namboara'e aze.

# 7

1 Taoñe folo-telo amby ka ty nandranjia' i Selomò i anjomba'ey le hene nifonire'e
i anjomba'ey. 2 Namboare'e ka ty anjomban' ala' i Lebanone, kiho zato ty andava'e
naho kiho limampolo ty am-pohe'e, vaho kiho telopolo ty haabo'e; nitohaña' o
fahañe mendoraveñe miriritse iñ-efatseo o sazoke mendoraveñeo. 3 Nandafihañe
mendoraveñe ty ambone' o efetse alafe'e nitohaña' i ana-koreñe efa-polo-lime amby
am-piririta'e folo-lime amby rey. 4 Le nidadañe am-piriritañe telo o lalan-kedeo, naho
hazavàñe ty niatre-kazavàñe am-pifamalahàñañe telo. 5 Songa efa-mira o lalañeo
naho o lahin-dala'eo, le nifampiatrek' am-piririta'e telo nifamalahañe.

6 Namboare'e ka ty lampalampan' ana-koreñe, kiho limampolo ty andava'e le
kiho telopolo ty am-pohe'e; lavaranga ty am-pimoahañe; vaho aolo' iareo o ana-
koreñe naho boda'e lahi'eo. 7 Namboare'e ty lampalampam-piambesatse hizakà'e, i
lampalampam-pizakàñey; vaho nandafihañe mendoraveñe boak' an-gorodo'e pak'
an-gorodo'e. 8 An-kiririsa am-boli' i lampalampay i anjomba fimoneña'ey, ie hamban-
tsata; namboara'e anjomba manahake zay ka i anak' ampela' i Parò nengae' i

Selomòy; 9 sindre am-batosoa, linily ami' ty zehe'e, tinampa' ty alasý, añate'e naho
alafe'e, boak'amo manantañeo pak' an-tsazoke, ie ka ty alafe'e pak' amy kiririsa
jabajabay. 10 Nanoeñe vatosoa o manantañeo, vato ra'elahy, vato kiho folo vaho
vato kiho valo. 11 Vato sarotse ka ty ambone eo, songa rinamerame an-jehe'e o
vatoo vaho o mendoraveñeo. 12 Vato hinaly nizakitse, telo mifaningitse ty nañariary
i kiririsa jabajabay, le firiritam-boda-mendoraveñe ty ambone'e, manahake i an-
kiririsa añate' i anjomba' IEHOVÀy naho an-davaranga' i anjombaiy.
13 Nampañitrife' i Selomò boake Tsore t'i Kirame, 14 ana' ty vantotse fifokoa'
i Naftalý; boak'e Tsore ty rae'e, mpitoloñe torisike, lifo-kihitse naho hilala vaho
faharendrehañe amy ze hene fitoloñañe torisike. Aa le nomb' amy Selomò mb'eo re
vaho nanoe'e iaby o fitoloña'eo. 15 Niranjie'e ty fahañe roe torisike, songa kiho folo-
valo' amby ty haabo'e naho niarikatoha' ty talý kiho folo-ro'amby. 16 Namboare'e
loha'e torisike natranake, hasampe amy fahañe rey, kiho lime ty haabo' ty loha'e
raike, vaho kiho lime ty haabo' ty loha' i ila'ey. 17 Nanoañe harato tsingarakarake,
niravahañe silisily navandibanditse i loham-pahañe rey, fito ami'ty loha'e raike
naho fito ami'ty loha'e raike. 18 Ie nifonire'e i fahañe rey le nitsene sare dagoa
mitoitoy an-tali'e roe mifamandibanditse amy tsingarakarakey, nandafihañe dagoa
ty loha ambone' i fahañey vaho nanoe'e hambañe amy zay i loham-pahañe raikey.
19 O lohà'e nasampe amy fahañe rey ro nanoañe saren-talìfoke manahake o an-
dampalampao, kiho efatse ty haabo'e. 20 Ty amy lima mihohok' an-dengo' i fahañe
roe rey, le voan-dagoa roan-jato nifanoitoy miarikatoke marine' i famitrañañe azey,
añ' ila' i tsingarakarakey. 21 Natroa' i Kirame an-davarangam-piziliha' i anjombay
i fahañe rey; najado'e an-kavàna eo ty fahañe raike le nitokave'e ty hoe Iakine*
ty añara'e; vaho natroa'e ankavia'e ty fahañe ila'e le natao'e Boaze† ty añara'e.
22 Asa talifoke ty ambone' i fahañe rey; aa le nifonitse ty fitoloñañe amy fahañe
rey. 23 Niranjie'e sajoa natranake, kiho folo boak' an-tsoñi'e pak' an-tsoñi'e, bontoly,
lime kiho ty haabo'e, naho telopolo kiho ty nañariary aze. 24 Trongotrongoeñe
hoe bereke ty niarikatok' aze ambane' i soñi'ey, folo ami'ty kiho'e raike, naho
nañariary i sajoay am-piriritañe roe i trongotrongoeñey, natrao-pitranake amo ila'eo.
25 Sare añombe folo-ro' amby ty nitoboha'e, telo ty nitolik' avaratse naho telo ty
nitolik' ahandrefa naho telo ty nitolik' atimo vaho telo ty nitolik' atiñanañe; najo'e
ambone' iereo i sajoay, ty voli' iareo añivo'e ao. 26 Ampohem-pitàñe ty hateve'e;
le rinanjy hoe soñim-pitovy i soñi'ey, manahake ty voñen-talìfoke; ro'arivo bate ty
nahaatsek' aze. 27 Niranjie'e kalesy torisike folo, sindre kiho efatse ty an-dava' ty
kalesy naho kiho efatse ty am-pohe'e vaho kiho telo ty haabo'e. 28 Zao ty nisata'
i kalesy rey: nasiañe lifi'e naho nilifieñe i endraendra fikalañe añivo o tsotsò'eoy.
29 Liona naho añombe naho kerobe ty tamo endraendra añivo' o tsotsò'eo. Ambone'
o tsotsò'eo ty fanampezañe; vaho ambane' o liona naho añombeo ty nitemerañe
am-pipepehañe. 30 Songa aman-darò torisike efatse i kalesy rey, le torisike ka o
asì'eo naho ty fitohañañe efatse; nikalañe ty koveta i fitohañañe nitranaheñe rey,
endrendra pinepeke o añ'ila'eo. 31 Kiho raike boak' an-tsotsò'e ty haabo' i vava'ey,
bontoly zay, satam-pitobohan-koveta, kiho raike naho tampa'e; sinokitsokitse; efa-
mira ty alafe'e, fa tsy bontoly. 32 Ambane' i endraendray i larò'e efatse rey, le
am-poto' i kalesiy ty asì' o larò'eo; kiho raike naho tampa'e ty haabo' ty larò'e.
33 Hambañe ami'ty satan-daròn-tsarete ty sata' i larò rey, songa nitranaheñe o asì'eo,
o bandazeo, o tañamasoandro'eo vaho o boate'eo. 34 Reketse fitohañañe efatse ty
kotso-efa' i kalesy rey, raik' amo kalesio o fitohañañeo. 35 Ambone' i kalesiy ty
hàlañe bontoly, tapa-kiho ty haabo'e; raik' ami'ty ambone' i kalesiy o taña'eo naho o

* 7:21 Iakine: mampaozatse † 7:21 Boaze: an-kaozarañe

lifi'eo. 36 Nanokira'e kerobe naho liona naho satrañe o endraendran-tsotsò'eo naho
an-difi'e, amy ze nalalak' ama'e, vaho tali-randra ty niariary aze. 37 Amy sata zay ty
nandranjie'e ty kalesy folo, songa lima raike naho zehe mira vaho hambam-bintañe.
38 Namboara'e koveta torisike folo; bate efapolo ty nahaatseke ty koveta raike; sambe
kiho efatse i koveta rey; ambone' i kalesy folo rey songa koveta raike. 39 Napo'e an-
kavana' i anjombay ty kalesy lime, naho lime ty ankavia' i anjombay; le najado'e
ankavana' i anjomba atiñanañey mañatimo i sajoay. 40 Nitsenè' i Kirame o valàñeo,
o endraendra'eo naho o kovetao. Aa le nifonire' i Kirame i fitoloñañe nanoe'e ho a
i Selomò mpanjaka añ'anjomba' IEHOVÀy; 41 i fahañe roe rey; i lima roe an-doha'e
ambone' o faha'eo rey; naho i tsingarakarake roe nanaroñe i lima roe an-doha'e
ambone' o faha'eo reiy; 42 naho i voan-dagoa efa-jato amy tsingarakarake roe reiy,
dagoa indroe mitoitoy ami'ty tsingarakarake raike hanakonañe i lima roe an-doha'e
ambone' i fahañe reiy; 43 naho i kalesy folo rey naho i koveta folo ambone' o kalesio
rey; 44 naho i riakey naho i añombe folo-ro' amby ambane' i riakey rey; 45 naho
o valàñeo, o endraendrao,vaho o kovetao; hene niranjie' i Kirame ho a i Selomò
mpanjaka, añ'anjomba' IEHOVÀ ao, songa torisike rinamerame. 46 Amonto' Iordaney
ty nampitranaha' i mpanjakay iareo, an-tane lietse añivo' i Sokote‡ naho i Tsaretane§.
47 Le nenga' i Selomò tsy ho lanjaeñe i fanake iaby zay amy t'ie niloho maro; tsy nilefe
tsikaraheñe ty lanja' o torisikeo.
48 Hene niranjie' i Selomò o fanak' añ' anjomba' IEHOVÀo; i kitrely volamenay,
naho i rairay volamena fasia-mofom-piatrefañey; 49 o fitàn-jiroo—lime ty ankavana'e
naho lime ty ankavia'e añatrefa' i toe-miavakey— volamena ki'e; naho o voñeo,
o failoo, vaho o fikavitseo—volamena; 50 o soakazoo naho o fiharatan-tsokotsokoo
naho o kovetao naho o sadròn' afoo naho o endraendrao—volamena ki'e; naho o
soavilio, ho amo lalan-kivoho añate'eo, i toetse loho-miavakey, vaho ho a o lala' i
akibaio (o miatrek' añate'eo)—volamena. 51 Aa le nifonitse o fitoloñañe nanoe' i
Selomò añ'anjomba' IEHOVÀo. Le hene nendese' i Selomò ao o raha navì' i Davide
rae'eo, i volafotiy, i volamenay naho o fanakeo; vaho napo'e amy fanontonam-baran'
anjomba' IEHOVÀy.

# 8

1 Natonto' i Selomò amy zao o androanavi' Israeleo, naho o mpiaolom-pifokoañeo,
o roandrian' anjomban-droaen' ana' Israeleo, mb'amy Selomò Mpanjaka e Ieros-
alaimey, hampionjoneñe i vatam-pañina' IEHOVÀy boak' an-drova' i Davide e Tsione
ao. 2 Aa le fonga nifanontoñe amy Selomò amy sabadidakey o nte Israeleo ami'ty
saramañitse*, ty volam-pahafito†. 3 Nimb'eo o roandria' Israele iabio, vaho rinambe'
o mpisoroñeo i vatay. 4 Nampionjone' iereo i vatam-pañina' IEHOVÀy naho i kibohom-
pamantañañey naho ze hene fanake amy kibohotsey; nampionjone' o mpisoroñeo
naho o nte-Levio. 5 Niharo niaolo i vatay t'i Selomò mpanjaka naho i valobohò' Israele
nifamory ama'ey, le nisoroñe añondry naho añombe tsy nilefe talily ndra iake ami'ty
fifamorohota'e. 6 Le nendese' o mpisoroñeo i vatam-pañina' IEHOVÀy mb'an-toe'e,
mb'an-toe-miava' i anjombay, mb'amy masiñe do'ey, ambane' o ela' i kerobe reio.
7 Fa nivelare' i kerobe rey ambone' i toe' i vataiy o ela'eo vaho tinako' i kerobe rey i
vatay naho o baom-pitarazoa'eo. 8 Aa akore ty halava' i baom-pitarazoañe rey kanao
isake amy toe-miavakey aolo' i toe-masiñey, f'ie tsy oniñe boak' alafe'e ao; mbe eo
irezay henanekeo. 9 Vata koake re naho tsy i takelam-bato nagodo' i Mosè ao e Korebe
añe rey, ie nifañina amo ana' Israeleo t'IEHOVÀ, t'ie niavotse an-tane Mitsraime. 10 Aa
ie nivovotse boak' amy miavakey o mpisoroñeo, le nañatseke i anjomba' IEHOVÀy i

‡ 7:46 Sokote: kibohotse § 7:46 Tsaretane: fampisotriañe * 8:2 Heb: Etanime, Torahañe tsy ritse † 8:2 Volam-pahafito: Saramañitse

rahoñey; 11 vaho tsy nahafijohañe eo hitoroñe o mpisoroñeo amy te natsafe' ty enge'
IEHOVÀ ty anjomba' IEHOVÀ.
12 Aa le hoe t'i Selomò: Fa nitsarae' IEHOVÀ t'ie himoneñe an-drahoñe milodolodo
ao. 13 Toe namboarako anjomba fimoneñan-dRehe, toetse himoneña'o nainai'e
donia. 14 Nampitoli-daharañe am' izao i mpanjakay, nitata i valobohò' Israeley,
vaho hene niongake i valobohò' Israeley. 15 Le hoe re: Andriañeñe t'IEHOVÀ
Andrianañahare' Israele, ie nitsara am-palie amy Davide raeko vaho nifonire'e am-
pità'e ami' ty hoe: 16 Sikal' amy andro nampiavoteko amy Mitsraime ondatiko
Israeleoy, le tsy eo ty rova nijoboñeko amo hene fifokoa' Israeleo hañamboarako
anjomba, hampipohako ty añarako, naho tsy i Davide ty jinoboko hifehe ondatiko
Israeleo. 17 Toe tañ' arofo' i Davide raeko ty hamboatse anjomba ho a i tahina' IEHOVÀ
Andrianañahare' Israeley. 18 Fe nanao ty hoe amy Davide raekoy t'IEHOVÀ: Amy te
añ' arofo'o ty handranjy akiba ho ami'ty añarako, le nanao soa kanao tañ'arofo'o;
19 fe tsy ihe ty hamboatse i anjombay, fa i ana-dahy hiboak' an-tro'oy, ie ty handranjy
ty anjomba ho ami'ty añarako. 20 Fa najado' IEHOVÀ i tsara nanoe'ey amy te nitroatse
an-toe' i Davide raeko raho naho mitobok' am-piambesa' Israele eo ty amy tsara'
IEHOVÀ, vaho namonitse ty anjomba ho a i tahina' IEHOVÀ Andrianañahare' Israeley.
21 Le nampitoereko ao i vatay, ama'e ao i fañina' IEHOVÀ nanoe'e an-droaentika am-
pampiengae'e iereo an-tane Mitsraimeiy.
22 Le nijohañe aolo' i kitreli' IEHOVÀy t'i Selomò añatrefa' i valobohò' Israeley, vaho
nonjone'e mb'an-dikerañe ey o fità'eo, 23 nanao ty hoe: Ry IEHOVÀ, Andrianañahare'
Israele, tsy eo t'i Andrianañahare manahak' azo andindimoneñe añe ndra an-
tane ambane atoy ze mahatambozòtse fañina naho ty fiferenaiñañe amo mpitoro'o
mpañavelo añatrefa'o an-kaampon-trokeo; 24 ie naha-tañe i tsinara'o am-pitoro'o
Davide raekoy; toe tsinara'o am-palie vaho nihenefa'o am-pitàñe o isake henanekeo.
25 Ie amy zao, ry IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele, afaharo amy mpitoro'o Davide
raekoy, i tsinara'o ama'ey ami'ty hoe: Tsy ho po-ondaty hiambesatse amy fiambesa'
Israeley am-pahatreavako rehe, naho toe ambena' o ana'oo ty lala' iareo hañavelo
añatrefako manahake o fañaveloa'oo. 26 Ie amy zao ry Andrianañahare' Israele, ehe
te ho venteseñe i tsara tsinara'o amy mpitoro'o Davide raekoiy. 27 Aa vaho himoneñe
an-tane atoy vata'e hao t'i Andrianañahare? kanao tsy mahatañ' Azo i likerañey
ndra i likeran-dindimoneñey; sandrake ty anjomba rinanjiko toy! 28 Fa ehe haoño
ty halali' i mpitoro'oy, naho i fiambanea'ey ry IEHOVÀ Andrianañahareko, janjiño
ty toreo naho hàtake saboe' ty mpitoro'o ama'o henaneo; 29 te hisokake handro an-
kàleñe mb' ami'ty anjomba toy o fihaino'oo, mb' amy toetse nitsarae'o ty hoe: Ho ao
ty añarako; hahajanjiña'o o halaly ho halalie' ty mpitoro'o mb' ami' ty toetse toio.
30 Janjiño ty fidrakadrakafam-pitoro'o, naho ondati'o Israeleo, ie misabo mb'ami'ty
toetse toy; janjiño am-pimoneña'o andindiñe ao; mijanjiña vaho mañahà.
31 Naho anañan-drañetse hakeo t'indaty, naho ampititihen-dre, ie mb'eo mifanta
añatrefa' ty kitreli'o añ'anjomba atoy; 32 le mijanjiña andindimoneñe ao, naho
mitoloña, vaho zakao o mpitoro'oo, taroño amy ratiy t'ie raty, hampibalike o
hatsivokara'eo añ' ambone'eo; naho meo tò ty vantañe, hañolorañe aze mañeva
i fahiti'ey.
33 Aa ie zevoeñe aolon-drafelahy ondati'o Israeleo, t'ie aman-tahiñe ama'o;
naho mimpoly ama'o naho mamela-pitàn-droe amy tahina'oy, naho misoloho vaho
mihalaly ama'o ami'ty anjomba toy, 34 le mijanjiña andindimoneñe ao, naho hahao o
hakeo' ondati'o Israeleoo vaho ampolio mb'an-tane' natolo'o an-droae' iareo mb'atoy.
35 Ie migabeñe i likerañey, tsy avy i orañey kanao nandilatse ama'o iereo, le ie
misoloho mb'ami'ty toetse toy mamela-pitan-droe amy tahina'oy naho miamboho
amy hakeo nampisotria'o iareoy, 36 le mijanjiña andikerañe ao, naho apoho ty tahi' o

mpitoro'oo naho ondati'o Israeleo vaho anaro iareo i lalam-bantañe fañaveloañey,
hampahavia'o orañe i tane'o natolo'o am'ondati'oo ho lovay.

37 Naho kerè i taney, he angorosy ke pozy he tromambo ke valala he beañe, ke
forokeken-drafelahi'e o rova an-tane'eo; ke kiria ino, hera areteñ' ino; 38 le ze halaly
ndra soloho anoe' t'indaty ndra ze hene ondati'o Israeleo, ie songa fohi'e ty hìla an-
tro'e ao vaho mamela-pitan-droe mb'ami'ty anjomba toy, 39 le mijanjiña andindiñe
añe, amy akiba-pimoneña'oy, le apoho naho mitoloña, vaho sindre toloro ty amo
sata'eo t'indaty, fa arofoana'o ty tro'e (amy te Ihe avao ro maharofoanañe ty arofo'
o ana' ondatio), 40 hañeveña' iereo ama'o amo hene andro hiveloma' iareo an-tane
natolo'o aman-droae'aio.

41 Le i renetane tsy boak' am' ondati'o Israeleoy, ie hirike tsietoitane añe ty amy
tahina'oy — 42 kanao ho janjiñe'e i tahina'o ra'elahiy naho i fità'o maozatsey vaho
i fità'o natorakitsi'oy— ie miheo mb' etoa hitalaho mb'ami'ty anjomba toy; 43 le
mijanjiña andindimoneñe an-toe-pimoneña'o ao, naho henefo o kanjia' i renetaney
azoo; hahafohina' ze kila' ondati' ty tane toy ty tahina'o, hañeveñe ama'o, manahake
ondati'o Israeleo, hahafohina' iareo te kanjieñe ami'ty anjomba niranjieko toy i
tahina'oy.

44 Aa ie mionjomb' an-kotakotak' amo rafelahi'eo ondati'oo, ndra mb' aia aia ty
hañiraha'o iareo, vaho mihalaly am' Iehovà mb'amy rova nijoboñe'oy, mb' amy
anjomba namboareko ho amy tahina'oiy; 45 le janjiño an-dikerañe ao i sabo' iareoy,
naho i halali' iareoy vaho meo to.

46 Ie miota ama'o—amy te tsy eo ze ondaty tsy mandilatse zao—le iviñera'o
vaho atolo'o an-drafelahi' iareo, hasese an-drohy mb'an-tanen-drafelahy añe, ke te
lavitse he marine; 47 le ie mitsakore an-tane naneseañe iareo an-drohy añe, naho
mitolike naho midrakadrakak' ama'o an-tane' o naneseañe iareo an-drohio, manao
ty hoe: Nanao hakeo zahay, nanao hatsivokarañe, vaho nitolon-karatiañe; 48 ie
mimpoly ama'o an' kaampon' arofo naho an-kaliforam-pañova an-tanen-drafelahi' o
nanese iareo an-drohio, naho mitalaho ama'o mb'an-tane natolo'o aman-droae' iareo,
mb'androva jinobo'o toy; vaho mb'amy anjomba niranjieko ho amy tahina'oiy; 49 le
janjiño ty halali' iareo naho ty fisaboa' iareo mb' an-toe-pimoneña'o andindimoneñe
añe, vaho meo to; 50 naho apoho o hakeo nandilara' ondati'o ama'oo, naho o fiolàñe
niolà' iareo; le iferenaiño añatrefa' o ninday iareo an-drohy mb'eo hitretreza' iareo;
51 amy t'ie ondati'o, i lova'o nakare'o amy Mitsraime, boak' añivo i toñake viñey.

52 Ehe manokafa fihaino amo halalim-pitoro'oo naho ami'ty fisolohoa' ondati'o
Israeleo, hihaoña'o ndra mbia' mbia ty itoreova' iareo. 53 Amy t'ie navahe'o amo
hene ondati' ty tane toio, ho lova'o, amy nitsarae'o am-pità' i Mosè mpitoro'oy, ie
nampiavote'o amy Mitsraime o roae'aio, ry Talè Iehovà.

54 Ie nagado' i Selomò ty nitaroñe'e i hene halaly naho soloho am' Iehovà rezay
le niongak' aolo' i kitreli' Iehovày, amy nitongalefa'e naho namelatse fitañe mb'an-
dindim-b'eoy, 55 le nijohañe vaho nitata i hene valobohò' Israele am-pazake ty hoe:
56 Andriañeñe t'Iehovà nanolo-pitofàñe am'ondati'eo ty amo tsara'e iabio; leo raike
tsy nipok' amo tsara'e soa nampitama'e am-pità' i Mose mpitoro'eo. 57 Ho aman-tika
t'Iehovà Andrianañaharen-tika, manahake t'ie nimpiaman-droaen-tikañe; lonike t'ie
tsy hienga antika, tsy haforintse'e; 58 fa hampitoliha'e mb'ama'e o arofon-tikañeo,
hañaveloan-tika amo lala'eo, hañorike o lili'eo naho o fañè'eo vaho o fepètse linili'e
an-droaen-tikañeo. 59 Le ehe te harine' Iehovà Andrianañaharen-tika handro an-
kaleñe o entañe nihalalieko am' Iehovào, hañomea'e to i mpitoro'ey naho ondati'e
Israeleo, ami'ty fañeva'e boak' andro; 60 hahafohina' ze hene ondati' ty tane toy
t'Iehovà, t'ie ro Andrianañahare tsy aman-tovo'e. 61 Ee abey te ho am' Iehovà

Andriananañaharentika an-kaliforan’ arofo nahareo, hañavelo amo fañè’eo, naho
hañorike o lili’eo, manahake henaneo.
62 Le fonga nañenga soroñe añatrefa’ Iehovà eo i mpanjakay naho Israele
nitraok’ ama’e. 63 Binanabana’ i Selomò amy engam-panintsiñañe nisoroña’e am’
Iehovày ty añombe roe-ale-tsi-ro’ arivo, naho añondry rai-hetse-tsi-ro’ale. Zay ty
nañoriza’ i mpanjakay naho o ana’ Israeleo ty anjomba’ Iehovà. 64 Amy àndroy
ka ty nañoriza’ i mpanjakay ty añivo’ i kiririsa aolo’ i anjomba’ Iehovày; fa
teo ty nañenga’e o soroñeo, naho o enga-mahakamao, naho ty safo’ o engam-
panintsiñañeo; amy te ni-loho kede ty kitrely torisike añatrefa’ Iehovà, tsy ho ni-
tsahatse aze i nisoroñañe naho i enga-mahakama vaho safo’ o engam-panintsiñañeo
rezay. 65 Aa le nambena’ i Selomò miharo am’ Israele iaby henane zay i sabadidakey,
nivalobohòke jabajaba boak’ am-pimoahañe e Kamate‡, pak’ an-toraha’ i Mitsraime
añe añ’atrefa’ Iehovà Andriananañaharen-tikañe, fito andro nitovoñañe fito; andro
folo-efats’ amby. 66 Nampolie’e amy andro fahavaloy ondatio, naho nandriañe’ iareo i
mpanjakay naho songa noly mb’an-kiboho’e mb’eo an-drebeke naho añ’ arofo mifale
ty amo hene hasoa nanoe’ Iehovà amy Davide mpitoro’ey vaho am’ Israele ondati’eo.

# 9

1 Aa ie nifonire’ i Selomò ty fandranjiañe i anjomba’ Iehovày, naho ty anjomba’
i mpanjakay, naho ze fitoloñañe nahafale-troke i Selomò, 2 le niheo amy Selomò
fañindroe’e t’Iehovà manahake ty niboaha’e e Gibone añe. 3 Le hoe t’Iehovà ama’e:
Fa tsinanoko i halali’oy naho i sabo nanoe’o amakoy: Fa navaheko ty anjomba
namboare’o toy, ie nampijoñeko tsy mbia tsy ho ama’e i añarakoy; vaho ho ama’e
nainai’e donia o masokoo naho ty troko. 4 Aa naho ihe ro hañavelo aoloko manahake
ty nañaveloa’ i Davide rae’o, an-kavantañan’ arofo, naho an-kavañonañe, manao ze
hene nandiliako azo naho mañambeñe o fañèkoo naho o fepèkoo; 5 le horizako ho
nainai’e ty fiambesam-pifehea’o Israele, amy nampitamako i Davide rae’oy, ami’ty
hoe: Tsy ho po-ondaty am-piambesa’ Israele eo rehe. 6 Fe ke iambohoa’ areo ty
fañorihañ’ Ahy, inahareo ndra o ana’ areoo ie tsy mitañe o lilikoo naho o fañèko
apoko añatrefa’ areoo, te mone mandifike hitoroñe ‘ndrahare ila’e vaho hitalaho
ama’e; 7 le haitoako amy tane natoloko iareoy t’Israele; naho hahifiko tsy ho am-
pahaisahako ty anjomba navaheko ho ami’ty añarako toy; le ho razan-drehake
t’Israele, fandrabioña’ o kilakila’ ondatio; 8 le akore amy zay ty anjomba miligiligy
toy, kanao hilatsà naho hikosiha’ ze hene ondaty miary ama’e, hanao ty hoe: Ino ty
nanoe’ Iehovà ami’ty tane toy naho ami’ty anjomba toy? 9 Le ho toiñeñe ty hoe: amy
te nitsambolitio’ iereo t’Iehovà Andriananañahare’ iareo, i nampiavotse o roae’ iareoo
an-tane’ Mitsraimey ie nandrambe ‘ndrahare ila’e naho nitalahoa’e vaho nitoroña’e;
zay ty nametsaha’ Iehovà am’ iereo o fonga hankàñe zao.
10 Aa ie niritse ty roapolo taoñe namboare’ i Selomò i anjomba roe rey, ty anjomba’
Iehovà naho ty anjomba’ i mpanjakay 11 (ie natolo’ i Kirame mpanjaka’ i Tsore amy
Selomò ze hene mendoraveñe naho kobaiñe naho ze volamena nipaia’e) le natolo’
i Selomò amy Kirame ty rova roa-polo an-tane Galìle* ao. 12 Niavotse amy Tsore t’i
Kirame hañisake o rova natolo’ i Selomò azeo; fe tsy ni-nò’e. 13 Le hoe re: Rova ino
ze o natolo’o ahiko zao, rahalahiko? Le natao: Tane’ i Kabole† zay pake henaneo.
14 Volamena zato-tsi-roa-polo ty nampihitrife’ i Kirame amy mpanjakay.
15 Zao ty volilim-pitoloña’ i haba nakare’ i Selomò mpanjakaiy: namboare’e ty
anjomba’ Iehovà naho ty anjomba’e, naho i Milo‡, naho ty kijoli’ Ierosalaime, naho i

‡ **8:65** Kamate: haviñerañe; fiforoforoañe; kijoly * **9:11** Galile: larò; fivariñañe, fiariariañe † **9:13** Kabole: Falaiñe; maloto ‡ **9:15** Milo: halipora’e

Katsore§ naho i Megidòne* vaho i Getsere† 16 ie fa nionjo-mb'eo t'i Parò mpanjaka'
i Mitsraime, nitavañe i Getsere; finorototo'e añ' afo naho fonga zinama'e o nte-
Kaanane nimoneñe amy rovaio vaho natolo'e ho enta' i anak' ampela'e, vali' i
Selomòy. 17 Aa le namboare' i Selomò ty Getsere naho i Bete-korone‡ ambane 18 naho
i Baalate§ naho i Tadmore* an-dratraratra' i taney; 19 naho ze hene rovam-pihaja' i
Selomò naho o rovan-tsarete'eo naho o rovam-piningi-tsoavala'eo, naho ze nitea' i
Selomò ranjieñe e Ierosalaime naho e Lebanone ao naho an-tanem-pifehea'e iaby.
20 Le o fonga ondaty nisehanga' o nte-Amoreo, o nte-Keteo, o nte-Perizeo, o nte-
Hiveo vaho o nte-Ieboseo; o tsy ana' Israeleo, 21 o tiri' iareo nihonkahonka'e amy
taneio, o tsy zinama' o ana' Israeleoo; ie ty nangala' i Selomò mpitoroñe amy vili-
lohay pake henane. 22 Tsy nangala' i Selomò habam-pitoroñañe o ana' Israeleo
fa nanoeñe lahindefo'e, mpitoro'e, roandria'e, mpifehe'e, mpifele-tsarete'e vaho
mpiningi-tsoavala'e. 23 Ie o mpiaolo nifehe' ty fitoloña' i Selomòo; liman-jato-tsi-
limampolo ty nifeleke ondaty nitoloñe amy asaio. 24 Fe niavotse ty rova' i Davide
ty anak' ampela' i Parò mb' amy anjomba namboara' i Selomò azey; zay vaho
namboare'e ty Milò. 25 Intelo ami'ty taoñe ty nañengà' i Selomò soroñe naho engam-
panintsiñañe amy kitrely niranjie'e ho a IEHOVÀy vaho nañembok' añ'atrefa' IEHOVÀ.
Aa le nifonire'e i anjombay. 26 Le namboare'e firimboñan-tsambo e Etsione-gebere†
añ'ila' i Elote‡ añ' olo' i riake Menay, an-tane Edome añe. 27 Nampihitrife' i Kirame
mb'amo sambo'eo o mpitoro'e mpian-dàkañe zatse riakeo, hitraok' amo mpitoro' i
Selomòo. 28 Le nionjoñe mb'e Ofire añe iereo nangalake volamena talenta efajato-
tsi-roapolo ze nandesa' i areo amy Selomò.

# 10

1 Ie jinanji' ty mpanjaka-ampela' i Seba* ty enge' i Selomò ty amy tahina' IEHOVÀy,
le nimb'eo hamente aze an-tafatoño. 2 Le am-pivavàrañe jabajaba ty nitotsaha'e
e Ierosalaime ao, reketse rameva ninday fampafiriañe naho volamena tsifotofoto
naho vatosoa; aa ie tsatoke amy Selomò, le fonga nabora'e ama'e ty arofo'e. 3 Aa le
vinale' i Selomò ontane'e iabio; tsy nietak' amy mpanjakay ty hatoi'e aze. 4 Ie nioni' i
mpanjaka ampela' i Sebay ze hene hihi' i Selomò, naho i anjomba niranjie'ey, 5 naho
ty mahakama am-pandambaña'e eo, naho ty fandaharam-piambesa' o mpitoro'eo
naho ty fiatraha' o mpiatra'eo naho o siki'eo naho o mpitàm-pitovi'eo vaho o soroñe
fañenga'e añ'anjomba' IEHOVÀo, le tsy nahakofòke. 6 Aa le hoe re amy mpanjakay:
Nitò i talily tsinanoko an-tanekoy ty amo taro'oo naho o hihi'oo. 7 Fe tsy niantofako
o saontsio ampara te nivotrak' atoy naho nitrea' o masokoo, le hehe te tsy ty vaki'e
o natalily ahio; loho mandikoatse i talily tsinanokoy ty hilala'o naho ty firaoraoa'o.
8 Haha ondati'oo naho fale o mpitoro'o mijohañe nainai'e añatrefa'o mahajanjiñe o
hihi'oo. 9 Andriañeñe t'IEHOVÀ Andriananañahare'o te nahafale Aze ty nampipoke azo
am-piambesa' Israele eo amy te nikokoa' IEHOVÀ nainai'e donia t'Israele, ihe nanoe'e
mpanjaka, hitoloña'o an-katò vaho an-kavantañañe. 10 Le natolo'e amy mpanjakay
ty volamena talenta zato-tsi-roapolo; naho fampafiriañe tsi-fotofoto vaho vatosoa; le
lia'e tsy eo ka ty hamarom-pampafiriañe nitotsak' ao te amy natolo' i mpanjaka' i
Sebaiy amy Selomò mpanjakay. 11 Le ninday volamena boake Ofire naho nilogologo
hatae almoge maro boake Ofire añe, vaho vatosoa, o firimbon-tsambo' i Kirameo.
12 Niranjie' i mpanjakay amy hatae almogey, o fahañe añ'anjomba' IEHOVÀ naho
añ'anjomba' i mpanjakaio vaho o marovany miharo ty fititiha' o sakeraoo, le lia'e

§ **9:15** Katsore: kiririsa; ahi-maike * **9:15** Megidone: ty voa'e sarotse; mitaroñe † **9:15** Getsere: fanjarañe; lilin-jaka ‡ **9:17** Bete-Korone; anjomban-kabosehañe § **9:18** Baalate; rebeke; ty talen-tika misenge * **9:18** Tadmore; satrañe; hafairañe † **9:26** Etsione-gebere: hazondambosin-dahilahy ‡ **9:26** Elote; ala-vondro
* **10:1** Seba: an-drohy; ondaty bey; fitofañe

tsy nioniñe ampara' te henane ty hatae almoge hoe zay. [13] Hene natolo' i Selomò
mpanjaka amy mpanjaka-ampela' i Sebay ze nitea'e, ze nihalalia'e, mandikoatse ty
natolo'e aze ty amo varam-panjaka'eo. Aa le nitolike re, nimpoly mb' an-tane'e añe,
ie naho o mpitoro'eo.
[14] Ie amy zao, ty volamena niheo mb' amy Selomò ami'ty taoñe raike le nahatratse
talenta volamena enen-jato-tsi-enem-polo-eneñ'amby, [15] mandikoatse ze nendese' o
mpivarotseo, naho o mpanao balikeo, naho boak' amy ze hene mpanjaka' o nte-
Araboo, naho amo mpifeleke i taneio. [16] Le nitsene' i Selomò mpanjaka fikalan-
defoñe volamena roanjato pinepèke; sekele enen-jato ty fikalan-defoñe raike. [17] Le
nitsene'e fikalan-defoñe volamena-pinepèke telon-jato; mina† telo ty volamena ami'ty
fikalan-defoñe ao; vaho napo' i mpanjakay añ' anjomba' i Ala-Lebanoney irezay.
[18] Nandranjy fiambesatse jabajaba an-tsifam-biby ka i mpanjakay vaho pinepè'e
ama'e ty volamena ki'e. [19] Fanongà enen-dia ty nitroatse mb'amy fiambesatsey, le
bontoly ty ambone an-dambosi' i fiambesatsey; naho fisampezam-pitàñe ty añ' ila'
i fiambesatsey, vaho liona roe ty mijadoñe añ' ila' o fisampezam-pitàñeo. [20] Liona
folo-ro' amby ty nijohañe amy fanongañe enen-diay, añ'ila'e atoy naho añila'e aroy;
vaho tsy eo ty nanoeñe nanahak' aze ndra am-pifeheañe aia. [21] Songa tam-bolamena
o fitovi' i Selomòo vaho hene volamena ki'e o fanak' amy anjomban' Ala-Lebanoneio,
leo raike tsy nivolafoty, ie tsy natao vara tañ' andro' i Selomò. [22] Nanañe firimboñan-
tsambon-Tarsise‡ reketse ty firimboñan-tsambo' i Kirame i mpanjakay; nivotrake
eo o sambo' i Tarsiseo isa' ty telo taoñe, ninday volamena, volafoty, tsifa naho
babakoto vaho remàleñe. [23] Aa le nilikoare' i Selomò mpanjaka o mpanjaka' ty
tane toy iabio ami'ty vara naho hihitse. [24] Le hene nipay ty hiatrek' amy Selomò
ty tane toy, ty hijanjiñe ty hilala napon' Añahare añ'arofo'e ao. [25] Songa ninday ty
ravoravo'e boa-taoñe ondatio, fanake volafoty naho fanake volamena naho sikiñe,
naho fialiañe naho fampifiriañe, naho soavala vaho borìke. [26] Namory sarete t'i
Selomò naho mpiningi-tsoavala, arivo-tsi-efa-jato ty sarete'e naho mpiningi-tsoavala
rai-ale-tsi-ro'arivo ze napo'e amo rovan-tsareteo vaho amy mpanjakay e Ierosalaime
ao. [27] Le nanoe' i mpanjakay hoe vato ty volafoty e Ierosalaime ao vaho nanoe'e hoe
sakoañe am-bavatane ao o mendoraveñeo ty amo hamaro'eo. [28] Nendeseñe boake
Mitsraime naho e Kevè añe o soavala' i Selomòo; nangalak' amy Kevè ami'ty vili'e
o mpanao balibali' i mpanjakaio. [29] Le enen-jato sekelem-bolafoty ty nampiakarañe
sarete boake Mitsraime añe, le zato-tsi-limampolo ty soavala; vaho am-pità' iareoo ty
nahazoa' ze hene mpanjaka' o nte-Kiteo naho o mpanjaka' i Arameo§.

# 11

[1] F'ie nikoko ampela ambahiny maro t'i Selomò, tovo' i anak' ampela' i Paròy,
le ampela nte-Moabe, nte-Amone, nte Edome, nte-Tsidone, vaho nte-Kite; [2] boak'
amo fifeheañe nitsarae' IEHOVÀ amo ana' Israeleo ty hoe: Ko iolora' areo, naho
ko apoke hiharo-tihy ama' areo; fa toe hampitolihe' iereo amo 'ndrahare' iareoo
ty arofo' areo; ie nisazohe' i Selomò am-pikokoañe. [3] Nanambaly fiton-jato re ho
tañanjomba'e naho sakeza telon-jato; vaho nampandrìke ty arofo'e o vali'eo. [4] Ie
nibey, le nampitolihe' o vali'eo mb'an-drahare ankafankafa, vaho tsy nigahiñe am'
IEHOVÀ Andrianañahare'e ka ty tro'e manahake ty arofo' i Davide rae'ey. [5] Songa
norihe' i Selomò t'i Asterote 'ndrahare' o nte-Tsidoneo, naho i Milkome* ty haloloa'
o nte-Amoneo. [6] Aa le nanao hatsivokarañe am-pivazohoa' IEHOVÀ t'i Selomò, ie tsy
nañorike IEHOVÀ an-kaliforan-troke, manahake i Davide rae'e. [7] Niranjie' i Selomò

† **10:17** Mina: lanjam-bola taolo ‡ **10:22** Tarsise: fitsakoreañe; fihotsohotsoañe § **10:29** Arame: Antiotiotse,
fanjaka, mpamañahy; * **11:5** Malkome: mpanjaka' iareo

an-kaboañe ey ty Kemose†, i haloloa' i Moabey, am-bohitse atiñana' Ierosalaime ey,
naho ho amy Moleke‡, ty haloloa' o nte-Amoneo. 8 Nanoa'e zay amo vali'e ambahiny
iaby nañoro emboke naho nanao soroñe aman-drahare'eo. 9 Toly ndra niviñera'
IEHOVÀ t'i Selomò, ty amy arofo'e nandifik' am' IEHOVÀ Andrianañahare' Israeley,
ie fa niheo ama'e indroe; 10 vaho linili'e ama'e ty amo raha zao te tsy horihe'e o
'ndrahare ila'eo; fe tsy nambena'e i nandilia' IEHOVÀ azey. 11 Aa le hoe t'IEHOVÀ amy
Selomò, Kanao zao ty an-tro'o, naho tsy tana'o i fañinakoy naho o fañèko liniliko
azoo, le toe ho riateko ama'o ty fifehea'o vaho hatoloko am-pitam-pitoro'o. 12 Fe tsy
hanoeko amo andro'oo, ty amy Davide rae'o, te mone ho tavaneko an-tañan' ana'o.
13 Tsy ho fonga tavaneko i fifeheañey, fa hatoloko ami'ty ana'o ty fifokoañe raike ty
amy Davide mpitoroko; naho ty am' Ierosalaime jinobokoy.

14 Le nampitroboe' IEHOVÀ rafelahy t'i Selomò; i Kadade§ nte-Edome, tirim-
panjaka' i Edome. 15 Ie te Edome añe t'i Davide, naho fa nionjomb'eo handenteke
o nikoromakeo t'Ioabe mpifehe i valobohòkey, ie fonga zinevo'e ze atao lahilahy
Edome— 16 toe tàmbatse ao enem-bolañe t'Ioabe rekets' Israele iaby ampara' te
naito'e ze fonga lahilahi' i Edome— 17 le nitriban-day mb'e Mitsraime añe t'i Kadade
naho ty ila' o mpitoron-drae'eo, ie mbe anak' ajaja t'i Kadade. 18 Niavotse i
Midiane iereo nivotrake e Parane, le nandrambe ondaty e Parane vaho nigodañe
mb'e Mitsraime, mb'amy Parò Mpanjaka' i Mitsraime mb'eo, le tinolo'e anjomba
naho mahakama vaho tane. 19 Nanjo fañisohañe ra'elahy am-pahaoniña' i Parò
t'i Kadade, kanao natolo'e aze ho tañanjomba'e ty rahavaven-tañanjomba'e, ty
rahavave' i Takpanese* mpanjaka ampela. 20 Nisamake i Genobate† ana-dahi'e ho
aze ty rahavave' i Takpanese, ze nibeize' i Takpanese añ'anjomba' i Parò; vaho
nitraok' amo ana' i Parò añ'anjomba' i Parò t'i Genobate. 21 Aa ie jinanji' i Kadade
e Mitsraime añe te nitrao-pirotse aman-droae'e t'i Davide naho te nihomake t'Ioabe
mpifehe' i màroy, le hoe t'i Kadade amy Parò. Ampiavoto mb' an-taneko añe. 22 Le
hoe t'i Parò ama'e, Fa inoñe ty tsy niampe tamako kanao mipay hañavelo mb'an-
tane'o añe rehe? Tsy eo, hoe re, Fe apoho handeha avao.

23 Mbore nampitroboen' Añahare ty rafelahy raike ka, i Rezone‡ ana' i Eliadà§, i
nilay amy talè'e Hadadezere* mpanjaka' i Tsobày†, 24 namory ondaty ho mpiama'e
vaho nimpifehe firimboñañe, ie fa zinama' i Davide o e Tsobào, le nimb'e Damesèke‡
mb'eo iereo nimoneñe ao, vaho nifehe e Damesèke. 25 Nirafelahi' Israele re amo hene
andro' i Selomòo, ie nitovoñe'e ty haemberañe nanoe' i Kadadeo; niheje'e t'Israele
vaho nifelek' i Arame.

26 Nañonjo fitañe amy mpanjakay ka t'Iarovame§ ana' i Nebate* nte-Efratà† boake
Tseredà‡, mpitoro' i Selomò; Tseroà § ty tahinan-drene'e, vantotse. 27 Inao ty
nañonjona'e fitañe amy mpanjakay: Niranjie' i Selomò ty Milo vaho namboara'e
o heba an-drova' i Davide rae'eo. 28 Nifanalolahy an-kaozarañe t'Iarovame; le nioni'
i Selomò te nahimbañe i ajalahiy, vaho nampifehè'e aze o fitoloñañe añ'anjomba'
Iosefeo. 29 Ie henane zay, naho niavotse Ierosalaime t'Iarovame, te tendrek' ama'e
amy lia'ey t'i Akià nte-Silò, nisikin-damba vao, ie nivahiny an-kivok' añe iereo roe.
30 Rinambe' i Akià i lamba vao ama'ey le niriate'e ho folo-ro'amby; 31 le hoe re amy
Iarovame, Rambeso ty folo, fa hoe ty nafè' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, Inao

† 11:7 Kemose: mamorekeke; mitavañe ‡ 11:7 Moleke: mpanjaka § 11:14 Kadade: hafalea; koràke
* 11:19 Takpanese: Kobain-kelahela; milay; zizy † 11:20 Genobate: fampikamerañe ‡ 11:23 Rezone; boroka;
kede; tsikotsiko; § 11:23 Eliadà: Fahafohinañe IEHOVÀ * 11:23 Hadadezere: ty hasoa-vintam-pañolotse
† 11:23 Tsobà: mpirompon-dahin-defoñe; mpialy ‡ 11:24 Damaseke: horoñe lifo-dio hoe mirehetse § 11:26
Iarovame: ty mpandietse ondatio * 11:26 Nebate: ty mañisake † 11:26 Efratà: miregorego, mamokatse
‡ 11:26 Tseredà: vandroñe; fiovàm-pifeheañe § 11:26 Tseroà: voa ty angamae; fanenetse

te ho riateko am-pità' i Selomò i fifeheañey vaho hatoloko azo ty fifokoañe folo;
32 le hanañe fifokoañe raike re ty amy Davide mpitorokoy naho Ierosalaime, rova
nijoboñeko amo hene fifokoa' Israeleo, 33 amy t'ie namorintseñe Ahy vaho mitalaho
amy Astorete, mpanjaka-ampela' o nte-Tsidoneo naho amy Kemose, 'ndrahare' o
nte-Moabeo, naho amy Milkome, mpanjaka' o ana' i Amoneo vaho tsy mañavelo
amo lalakoo hanoa' iereo ty soa a masoko naho hifahatse amo fañèkoo vaho amo
fepèkoo manahake i Davide rae'ey. 34 Tsy ho fonga tavaneko am-pità'e i fifeheañey; fa
hanoeko mpifehe amo hene andro hiveloma'eo, ty amy Davide mpitoroko jinobokoy,
ie nañambeñe o lilikoo naho o fañèkoo; 35 fe ho rambeseko am-pità' i ana'ey i
fifeheañey, vaho hatoloko azo i fifokoañe folo rey. 36 Le ho tolorako fifokoañe
raike i ana'ey, hanaña' i Davide mpitoroko ty failo añatrefako nainai'e e Ierosalaime
ao, i rova jinoboko ho Ahy ampipohako ty añarakoy. 37 Ho rambeseko rehe, le ho
hene fehè'o ze satrin-tro'o, vaho ihe ty ho mpanjaka' Israele. 38 Ie amy zao naho
hene haoñe'o ze andiliako azo naho hañavelo amo lalakoo naho hanao ty vantañe
a masoko, hañambeñe o fañèkoo naho o lilikoo manahake i Davide mpitorokoy le
ho mpiama'o raho vaho hanoako anjomba mijadoñe, manahake ty namboarako i
Davide, vaho hatoloko ama'o t'Israele. 39 Ie amy zay hampisotriako ty tiri' i Davide
fe tsy ho kitro añ'afe'e. 40 Aa le nipay hañoho-doza am' Iarovame t'i Selomò; f'ie
niongake nitriban-day mb'e Mitsraime añe, mb'amy Sisage* mpanjaka' i Mitsraime
vaho nitambatse e Mitsraime añe ampara' te nihomake t'i Selomò.
41 O fitoloña' i Selomò ila'eo, naho o tolon-draha'e iabio, tsy fa sinokitse amy bokem-
pitoloña' i Selomòy hao? 42 Ty hene andro nifehea' i Selomò Israele e Ierosalaime
ao le efa-polo taoñe. 43 Le nitrao-pirotse aman-droae'e t'i Selomò, naho nalentek'
an-drova' i Davide rae'e ao; vaho nandimbe aze nifehe t'i Rekhavame†, ana'e.

# 12

1 Aa le nomb'e Sekeme añe t'i Rekhavame, ie fa niheo mb'e Sekeme mb'eo t'Israele
iaby hañory aze ho mpanjaka. 2 Ie amy zao, naho jinanji' Iarovame ana' i Nebate e
Mitsraime añe—ie fa nitriban-day boak' añatrefa' i Selomò mpanjaka vaho nimoneñe
e Mitsraime añe 3 le nañitrike naho nikoik' aze iereo naho niheo mb' amy Rekhavame
mb'eo t'Iarovame rekets' i valobohò' Israeley, nanao ty hoe: 4 Nanoan-drae'o jokan-
tsarererake; aa le hamaivaño ty fitoloñan-tsarererahan-drae'o, naho i joka mavesatse
nampitarazoe'e anaiy, le hitoroñ' azo zahay. 5 Le hoe re am' iereo: Misitaha telo
andro heike, le mibaliha amako. Le nienga ondatio. 6 Nisafiry amo androanavy
nijohañe añatrefa' i Selomò rae'e, ie mbe niveloñe, t'i Rekhavame, ami'ty hoe:
Ino ty fanoroañe hatolo' areo amako hamaleako ondatio? 7 Le hoe ty nisaontsia'
iareo: Naho toe ho mpitoro' ondatio rehe te anito hitoroña'o naho hihaoña'o vaho
hisaontsia'o mora, le ho mpitoro'o nainai'e iereo. 8 Fe nifarie'e ty safiry natolo' o
androanavio aze, vaho nandrambe ty fanoroa' o ajalahy nindre nibey ama'e naho
nijohañe añatrefa'eo. 9 Fa hoe re am' iereo: Akore ty safiri' areo, hamalean-tika
ondaty nisaontsy amako ami'ty hoe: Hamaivaño ty joka nampitarazoen-drae'o anaio?
10 Aa le hoe ty asa' o ajalahy nindre nibey ama'eo: Inao ty ho saontsie'o am'ondaty
nisaontsy ama'o nanao ty hoe: Nanoen-drae'o mavesatse ty joka'ay, aa le hamaivaño
ama'ay; Inao ty hilañona'o: Bey ta i fisafoan-draekoy ty anakikiko. 11 Aa ndra t'ie
nampijinien-draeko joka mavesatse, mbe ho tompeako ka o joka' areoo; ie nandafa
anahareo an-karavantsy, fa an-kalengo ka ty ihamofohako. 12 Aa le nomb' amy
Rekhavame amy andro fahateloy t'Iarovame rekets' ondaty iabio, ty amy saontsi'
i mpanjakaiy, vaho nanao ty hoe: Mibaliha amako ami'ty andro fahatelo. 13 Le

* **11:40** Sisake: tolotse an-karo, valañe; am-pè † **11:43** Rekhavame: ty mamotsotse ondatio

sinotra' i mpanjakay ondatio, vaho napo'e i fanoroañe natolo' o androanavioy; 14 fa
i fanoroa' o ajalahioo ty nilañonà'e ami'ty hoe: Nanoen-draeko mavesatse ty joka'
areo, fe ho tovoñako o joka' areoo, nandafa anahareo an-karavantsy ty raeko f'ie
ho fofoheko an-kalengo. 15 Aa le tsy hinao' i mpanjakay ondatio; ie toe fandahara'
IEHOVÀ, hampijadoñe i enta'ey, i tsinara' IEHOVÀ am-pità' i Akià nte Silò am' Iarovame,
ana' i Nebatey.
16 Aa ie nioni' Israele iaby te tsy nihaoñe' i mpanjakay, le hoe ty natoi' ondatio amy
mpanjakay: Ino ty anay amy Davide ao? Aman-dova amy ana' Isaý hao zahay? Akia
mb'an-kivoho' areo ry Israele! Hajario i akiba'oy ry Davide. Aa le niavotse mb' an-
kiboho' iareo mb'eo t'Israele. 17 Fe mbe nifehe o ana' Israele nimoneñe amo rova'
Iehodaoo t'i Rekhavame. 18 Nirahe' i Rekhavame mpanjaka mb'eo, t'i Adorame*,
mpifeleke ty haba; f'ie finetsa' Israele iaby vato le nihomake vaho nipitsike mb'
an-tsarete'e añe t'i Rekhavame nitsondemboke mb'e Ierosalaime mb'eo. 19 Aa le
niola amy anjomba' i Davidey t'Israele pake henane. 20 Ie amy zao, naho jinanji'
Israele iaby te tafampoly t'Iarovame, le nampisangitrife' iereo mb'am-pivori-bey
vaho nanoe' iereo mpanjaka' Israele iaby; leo raike tsy nañorike ty anjomba' i Davide
naho tsy Iehodà avao. 21 Aa ie niheo mb'e Ierosalaime mb'eo t'i Rekhavame, le hene
natonto'e ty anjomba' Iehoda naho ty fifokoa' i Beniamine, lahindefoñe soa-joboñe
rai-hetse-tsi-valo-ale, hialy amy anjomba' Israeley, hampolia'e amy Rekhavame ana' i
Selomò i fifeheañey. 22 Fe niheo amy Semaià†, ondatin' Añahare, ty tsaran' Añahare
nanao ty hoe: 23 Saontsio t'i Rekhavame, ana' i Selomò mpanjaka' Iehoday naho i
anjomba' Iehoda naho Beniamine iabiy vaho o ila' ondatio, ty hoe; 24 Hoe ty nafè'
IEHOVÀ: Tsy hionjoñe mb'eo nahareo, tsy hialy amo ana' Israele roahalahi' areoo;
songa mimpolia mb'an-kiboho'e añe, fa amako o raha zao. Aa le hinao' iereo ty
tsara' IEHOVÀ, vaho nimpoly, ty amy tsara' IEHOVÀy.
25 Namboare' Iarovame am-bohibohi' i Efraime ao t'i Sekeme‡, le nimoneñe ao;
vaho niavotse ama'e namboatse i Penoele§. 26 Le hoe ty fitsakorean-tro' Iarovame,
Himpoly amy anjomba' i Davidey henane zao i fifeheañey, 27 naho hionjomb' amy
anjomba' IEHOVÀ e Ierosalaimey ondatio hanao soroñe; le hitolik' amy talè' iareoy,
homb'amy Rekhavame mpanjaka' Iehoda ty arofo' ondatio vaho havetra' iareo raho,
ie himpoly mb' an-dRekhavame mpanjaka' Iehoda ao. 28 Aa le nisafiry i mpanjakay,
naho nandranjy bania volamena roe, vaho nanao ty hoe am'ondatio, Loho sarotse ty
fionjona' areo mb'e Ierosalaime mb'eo: ingo o 'ndrahare'oo ry Israele, o ninday azo
boak' an-tane Mitsraimeo. 29 Napo'e e Betele ao ty raike le napo'e e Dane ao ty raike.
30 F'ie toe hakeo; amy te nionjoñe hitalaho ami'ty raik' ama'e ondaty pake Daneo.
31 Namboara'e kijà ka o haboañeo, vaho boak' am' ondaty tsotra iabio ty nanoe'e
mpisoroñe fa tsy amo ana' i Levio. 32 Noriza' Iarovame ty sabadidak' ami'ty volam-
paha-valo, ami'ty androm-paha-folo-lime ambi' i volañey, hambañe amy sabadidake
e Iehoday, ie nañenga amy kitreliy; zay ty e Betele ao, ie nanoa'e soroñe i bania
namboare'e rey; vaho najado'e e Betele ao o mpisoro' o toets' abo namboare'eoo.
33 Aa le niañambone mb'amy kitrely niranjie'e e Betele ao amy faha-folo-lime ambi'
i volam-paha-valoiy, i volañe nitsakorè'e an-tro'ey avao; le nañoriza'e sabadidake o
ana' Israeleo, vaho niañambone mb'amy kitrely fañemboha'ey.

# 13

1 Ie amy zao nihirike e Iehoda ty ondatin' Añahare, ami'ty tsara' IEHOVÀ,
mb'e Betele mb'eo; ie nijohañe marine' i kitreliy t'Iarovame hañemboke. 2 Le
nikoihe'e amy kitreliy ty tsara' IEHOVÀ, ami'ty hoe: Ry kitrely, kitrely, hoe t'IEHOVÀ:

* 12:18 Adorame: ty haozara, hasoa-vinta' iareo † 12:22 Semaià: i mijanjiñe manao ze satri' IÀ. ‡ 12:25 Sekeme: anjara; nibalike maraindray § 12:25 Penoele: vintan'Añahare, fahaoniñañe IÀ

Maharendreha te hasamak' añ' anjomba' i Davide ty ana-dahy; Iosià* ty tahina'e; le
ama'o ty hisoroña'e o mpisoron-toets' abo misoroñe ama'oo le haforehetse ama'o
eo ty taola'ondaty. 3 Nanolo-biloñe ka re amy andro zay, ami'ty hoe: Zao ty viloñe
nitsarà' IEHOVÀ; Inao! ho riateñe o kitrelio vaho hadoañe ty lavenok' ama'e. 4 Aa ie
jinanji' i mpanjakay ty saontsi' indatin'Añaharey, i nikoiha'e amy kitreli' i Beteleiy,
le natora-kitsi' Iarovame boak' amy kitreliy ty fità'e nanao ty hoe: Fihino re. Fe
niforejeje i sirañe natora-kitsi'ey, le tsy nahafitarik' aze mb' ama'e. 5 Nidreatse
ka i kitreliy naho nidoañe boak'amy kitreliy o laveno'eo ty amy viloñe nitaroñe'
indatin' Añaharey tie nitsara' IEHOVÀy. 6 Aa le hoe ty natoi' i mpanjakay am' indatin'
Añaharey: Mihalalia am' IEHOVÀ Andrianañahare'o ho ahiko, misolohoa ho ahy
hañereña'e ty sirako. Aa le nihalaly am' IEHOVÀ indatin' Añaharey naho niareñe
ty fità' i mpanjakay vaho nibalike ho amy do'e taoloy. 7 Aa hoe i mpanjakay am'
indatin' Añaharey; Mihova amako ao, hanintsiña'o, le ho tolorako ravoravo. 8 Le hoe
t'indatin'Añahare amy mpanjakay: Ndra te natolo'o ahy ty an-tsasa' i anjomba'oy,
tsy ho nindrezako vaho tsy ho nihinañe mofo ndra rano ami' ty toetse toy. 9 Amy
te nafanto' i tsara' IEHOVÀy amako ty hoe: Ko mikama mofo ndra rano vaho ko
mimpoly mb'amy lalañe nimbà'o mb'eoy. 10 Aa le nionjomb' an-dalan-kafa mb'eo
re, tsy nimpoly mb'amy lalañe nionjona'e mb'e Betele mb'eoy.
11 Ie amy zao nimoneñe e Betele ao ty androanavy mpitoky; le niheo ama'e mb'eo
ty ana'e raik' nitalily ze hene fitoloñañe nanoe' indatin' Añaharey e Betele ao; naho
nitalilie' iereo an-drae' iareo ka i lañonañe sinaontsi'e amy mpanjakaiy. 12 Le hoe
ty nanoen-drae' am'iareo; Nimb'aia re? Toe nitrea' o ana'eo ty lala' nomba' indatin'
Añahare hirik'e Iehoday. 13 Le hoe re amo ana-dahi'eo: Adiaño ho ahy i borìkey. Aa
le nidiañe' iereo i borìkey naho niningira'e; 14 vaho niheañe'e indatin' Añaharey,
le nitendrek' aze niambesatse ambane' ty kobaiñe eo, vaho nanoa'e ty hoe: Ihe
hao indatin'Añahare boake Iehoday? Le hoe re, Ie. 15 Aa le hoe re tama'e, Molia
mb'amako vaho mikamà mofo. 16 Le hoe re: Tsy hindre himpoly ama'o raho, vaho
tsy hitraofako lia; mbore tsy hiharo hihinañe mofo ndra hinon-drano ama'o an-
toetse atoy. 17 Fa hoe ty tsara' IEHOVÀ nitsaraeñ' amako: Tsy hikama mofo ndra
hikama rano ao rehe, ndra mimpoly amy lalañe nionjona'o mb'eoy. 18 Le hoe re
ama'e: Mpitoky manahak' azo ka 'ni-raho; le nitsara amako ty anjely amy tsara'
IEHOVÀy, ty hoe: Ampolio mb'añ' anjomba'o mb'eo re hikama mofo naho hinon-
drano; inay ty lañi'e. 19 Aa le nindreza'e fimpoly, nikama mofo naho ninon-drano.
20 Ie niambesatse am-pandambañañe eo, le niheo amy mpitoky ninday aze noliy ty
tsara' IEHOVÀ. 21 Le napaza'e ty hoe am' indatin' Añahare hirik'e Iehoday, Hoe ty
nafè' IEHOVÀ; Amy te ihe nanjehatse i falie' IEHOVÀy, naho tsy nambena'o i fañè
nafanto' IEHOVÀ Andrianañahare'oy, 22 te mone nibalike naho nikama mofo vaho
ninon-drano an-toetse nitsarae'e ty hoe: Ko mikama mofo naho ko minon-drano; le
tsy higodañe an-kiborin-droae'o ao ty fañova'o.
23 Aa ie amy zao, naho fa nikama mofo naho ninon-drano, le nadia'e ho aze i
borìke'ey, ho a i mpitoky nampihovae'ey. 24 Aa ie nienga mb'eo, nitendreke liona
nanjevoñ' aze, ie nañifike i fañova'ey an-dalañey; nitsangañe añ'ila'e eo i borìkey,
vaho nijohañe marine' i fañovay i lionay. 25 Inge amy zao ondaty niary eio, ie
niisa' iareo i fañova navokovoko an-dalañey, naho i liona nijagarodoñe marine' i
fañovaiy, le nimb'eo nitalily an-drova nimoneña' i androanavy mpitokiy. 26 Aa ie
jinanji' i mpitoky ninday aze moly boak' amy lalañeiy, le hoe ty asa'e: Ie t'indatin'
Añahare nanjehatse i tsara' IEHOVÀy, toly ndra natolo' IEHOVÀ amy lionay, nirimite'e
naho vinono'e ty amy tsara' IEHOVÀ nafe'e ama'ey. 27 Aa hoe ty natao'e amy ana'e
rey: Diaño ho ahy i borikey. Aa le nidiañe' iereo. 28 Ie nimb'eo le nanjo i fañovay

* 13:2 Iosià: mamorototo t' IEHOVÀ; ty afo' IÀ

te nahifik’ an-dalañe eo, naho i borìkey, vaho i liona nijohañe marine’ i fañovaiy.
Tsy nihane’ i lionay i fañovay vaho tsy nirimite’e i borìkey. 29 Rinambe’ i mpitokiy
ty fañova’ indatin’ Añaharey, le nasampe’e amy borìkey, vaho nendese’e nibalike
mb’eo; ie nivotrak’ an-drova’ i androanavy mpitokiy, le nandala naho nandentek’ aze.
30 Natsalalampa’e amy kibori’ey i fañova’ey; le nandala’ iareo ami’ty hoe: Hoke, ry
rahalahiko! 31 Ie nandentek’ aze, le nafanto’e amy ana’e rey ty hoe, Naho mikenkan-
draho, aleveño amy kibory nandentehañe indatin’ Añaharey; apoho marine’ o
taola’eo o taolakoo. 32 Amy te tsy mete tsy hifetsake i tsara’ IEHOVÀ nipazahe’e amy
kitrely e Beteley naho amo fonga anjomba an-toets’ abo an-drova’ i Someroneo†. 33 Ie
añe, tsy nibalintoa amy sata-rati’ey t’Iarovame, fa nanoe’e mpisoroñe an-toets’ abo o
boak’ am’ondaty tsotra iabio; toe noriza’e ho mpisoroñe an-toets’ abo ze hene nimete.
34 Ie nampanan-kakeo ty anjomba’ Iarovame, hañitoañe aze, naho hamongorañ’ aze
ambone’ ty tane toy.

# 14

1 Ie amy zao, natindri’ ty hasilofañe t’i Abià*, ana’ Iarovame. 2 Le hoe t’Iarovame
amy tañanjomba’ey: Ehe, Miongaha, mañonohonoa tsy ho oniñe t’ie vali’ Iarovame;
le akia mb’e Silò mb’eo; añe t’i Ahià† mpitoky, i nisaontsy amakoy t’ie ho mpanjaka
mifehe ondaty retoañe. 3 Añandeso boko-mofo folo, naho mokary, naho korobo
tantele, le mionjona mb’ ama’e mb’eo; ho saontsie’e ama’o ty hifetsak’ amy ajajay.
4 Aa le nanoe’ i vali’ Iarovamey; niongake re nomb’e Silò añe vaho niheo mb’ amy
anjomba’ i Ahiày mb’eo. Tsy nahaisake t’i Ahià, fa nifè-pihaino amy haantera’ey.
5 Aa le hoe t’IEHOVÀ amy Ahià: Ingo mb’ama’o mb’etoa ty tañanjomba’ Iarovame
hañontane i ana’ey fa siloke; aa le zao naho zao ty hisaontsia’o; fa ie mimoak’ ao le
hanao sare rakemba ila’e. 6 Aa ie nahajanjiñe ty figodoim-pandia’e an-tokonañe eo
t’i Ahià, le hoe re tama’e: Mihovà mb’etoa ry tañanjomba’ Iarovame; manao akore
t’ie mintse ho ila’e? Fa niraheñe ama’o raho hinday enta mavesatse.
7 Akia, saontsio am’Iarovame: Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Andrianañahare’ Israele: Kanao
naonjoko am’ ondatio rehe, naho nanoeko mpifehe’ Israele-ondatikoo, 8 niriateko
amy anjomba’ i Davidey i fifeheañey, le natoloko azo; f’ihe tsy manahake i Davide
mpitoroko, ie nañambeñe o lilikoo naho nañorik’ ahy an-kaampon’ arofo’e vaho
nanoe’e ze mahity a masoko avao; 9 te mone haloloañe ambone’ ze fonga taolo’o ty
anoe’o; nimb’eo rehe nandranjy ‘ndrahare ankafankafa naho saren-draha natranake,
hanigìke o habosehakoo, ie nahifi’o amboho’o ao; 10 toly ndra, hametsahako hankàñe
ty anjomba’ Iarovame vaho haitoako amy Iarovame ze fonga ondaty mañary rano an-
kijoly, ndra ty migabeñe ao ndra ty midada e Israele le ho faopaoheko ty sehanga’
i anjomba’ Iarovamey, manahake ty fipioha’ ondaty ty forompotse am-para’ t’ie
fonga añe. 11 Ho hanen’ amboa ty hivalenkañe amy Iarovame an-drova ao, le ho
hanem-boron-tioke ze miantantiritse an-kivok’ ao; fa nitsara t’IEHOVÀ. 12 Miavota
arè, akia mb’añ’ anjomba’o mb’eo; fe vata’e mimoak’ amy rovay o fandia’oo, ho
simba i ajajay. 13 Handala aze t’Israele iaby vaho handentek’ aze, fa ie avao amo
tiri’ Iarovameo ty hagodoñe an-kibory ao, amy te, ie avao ty nahaoniña’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ Israele raha soa añ’anjomba’ Iarovame ao. 14 Le hatroa’ IEHOVÀ
hifehe Israele ty mpanjaka hañito ty anjomba’ Iarovame anito. Aa ino ty hanoeko
henanekeo? 15 toe ho fofohe’ IEHOVÀ t’Israele, manahake ty fampitroetroean-drano
ty vinda; le hombota’e amy tane soa natolo’e aman-droae’ iareoy t’Israele, vaho
hampivarakaihe’e alafe’ i Sakay añe; ty amo hazomanga namboare’ iereoo hanigìke
IEHOVÀ, hiviñera’e. 16 Aa le ho farie’e t’Israele ty amo tahi’ Iarovameo, ie nanao

† 13:32 Somerone: an-kaboa fijilovañe * 14:1 Abià: Raeko t’ IEHOVÀ † 14:2 Ahià: Rahalahi’ IEHOVÀ

hakeo vaho nampanan-tahiñe Israele. 17 Niongak' amy zao ty vali' Iarovame, niavotse
vaho nigodañe e Tirtsà‡ ao; aa ie nisorogodañe an-tokonañe eo le nisimba i ajajay.
18 Nandeveñe naho nandala aze t'Israele iaby, ty amy tsara' IEHOVÀ nitsarae'e am-pità'
i Ahià mpitoky mpitoro'ey. 19 O fitoloña' Iarovame ila'eo, o fialia'eo, i fifehea'ey, ingo,
t'ie sinokitse am-boken-talili' o mpanjaka' Israeleo. 20 O andro nifehea' Iarovameo
le taoñe roapolo-ro'amby; vaho nitrao-piròtse aman-droae'e ao; i Nadabe§ ana'ey ty
nandimbe aze nifehe.

21 Nifehe e Iehoda ao t'i Rekhavame ana' i Selomò. Efa-polo-tao-raik' amby t'i
Rekhavame te niorotse nifeleke, le nifehe folo-tao-fito' amby e Ierosalaime, i rova
jinobo' IEHOVÀ amo hene fifokoa' Israeleo, hampipoha'e i tahina'eiy; i Naamae* nte-
Amore ty tahinan-drene'e, 22 toe nanao haloloañe am-pivazohoa' IEHOVÀ t'Iehoda
naho nampamarahy Aze amo hakeo nanoe' iereo mandikoatse o nanoen-droae'
iareoo, 23 amy te namboare' iereo, ho am-bata' iereo, ty toets' abo naho hazomanga
vaho Aserae† ambone' ze fonga haboañe naho ambane' ze hene hatae mandrevake.
24 Tamy taney ka o lahilahy nandeo-batañ' an-dahilahio, le fanoe' iereo ze fonga
sata-lo' o kilakila ondaty rinoa' IEHOVÀ aolo' o ana' Israeleo añeo. 25 Ie amy zao,
nionjon-kanàme Ierosalaime t'i Sisake mpanjaka' i Mitsraime amy taom-paha lime'
i Rekhavamey 26 le nivolose'e o vara añ'anjomba' IEHOVÀo naho o vara añ' anjomba'
i mpanjakaio; fonga finao'e; tinava'e ka ze hene fikalan-defo volamena niranjie'
i Selomò. 27 Aa le namboare' i Rekhavame fikalan-defoñe torisike hasolo iareo,
ze nafanto'e am-pità' o mpifehem-pigaritse mpañambeñe ty lalambein' anjomba'
i mpanjakaio. 28 Ie amy zao, ndra mbia' mbia ty nimoaha' i mpanjakay añ' anjomba'
IEHOVÀ le nitintine' o mpigaritseo irezay vaho nabali' iereo mb'añ' efem-pigaritse ao.
29 Ty ila' o fitoloña' i Rekhavameo, ze hene tolon-draha'e; tsy fa sinokitse amy bokem-
pitoloña' o mpanjaka' Iehodaio hao? 30 Nitolom-pialy avao t'i Rekhavame naho
Iarovame. 31 Aa le nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Rekhavame, naho nalenteke aman-
droae'e an-drova' i Davide ao; i Naamae nte-Amore ty tahinan-drene'e. Nandimbe
aze nifehe t'i Abiiame‡, ana-dahi'e.

# 15

1 Ie amy taom-paha-folo-valo' ambi' Iarovame mpanjaka, ana' i Nebatey, le niorotse
nifehe Iehoda t'i Abiiame 2 nifeleke telo taoñe e Ierosalaime ao. I Maakà*, anak'
ampela' i Abisalome†, ty tahinan-drene'e. 3 Fonga nañaveloe'e o hakeo nanoen-
drae'e taolo'eo; tsy nivantañe amy IEHOVÀ Andrianañahare'e manahake ty arofon-
drae'e Davide, ty arofo'e. 4 Fe nanolora' IEHOVÀ Andrianañahare failo e Ierosalaime
ao t'i Davide hampitroara'e ty ana'e hanonjohy aze, hampijadoña'e t'Ierosalaime;
5 amy te nanao ty hiti'e am-pihaino' IEHOVÀ t'i Davide vaho tsy nivìke ndra ami' ty
inoñ' inoñe linili'e ama'e amo hene andron-kavelo'eo naho tsy ty amy Orià nte-Kitey.
6 Nitolom-pialy avao t'i Rekhavame naho Iarovame amo hene andron-kavelo'eo. 7 Aa
naho o fitoloña' i Abiiame ila'eo, o tolon-draha'e iabio—tsy fa sinokitse amy bokem-
pamoliliañe o mpanjaka' Iehodaoy hao? Le hotakotak' avao ty tañivo' i Abiiame
naho Iarovame. 8 Aa le nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Abiime vaho nalente' iereo
an-drova' i Davide ao; nandimbe aze nifehe t'i Asa‡ ana'e.

9 Ie amy taom-paha-roapolo' Iarovame mpanjaka' Israeley le niorotse nifeleke
Iehodà t'i Asa; 10 nifehe efa-polo taoñe raik' amby e Ierosalaime ao re, i Maakà, anak'
ampela' i Abisalome, ty tahinan-drene'e. 11 Nanao havantañe am-pihaino' IEHOVÀ t'i
Asa, manahak' an-drae'e Davide. 12 Naitoa'e amy taney ze lahilahy mpandeo-batañe

‡ **14:17** Tirtsà: Fanjaka § **14:20** Nadabe: matarike * **14:21** Naamae: montramontra'e † **14:23** Aserae hataem-piravoravoañe ‡ **14:31** Abiiame: rae' i riakey * **15:2** Maakà; tinindry; fa modo; mireketse † **15:2** Abisalome: raen-kanintsiñe ‡ **15:8** Asa: mpanaha; fanafahañe

an-dahilahy vaho nafaha'e o fonga raham-pahasive namboaren-droae'eo. 13 Naitoa'e
amy naha mpanjaka ampela azey ka t'i Maakà rene'e, ty amy hazomanga nanoe'e
añ'ala-vondroy; rinotsa' i Asa i hazomanga'ey vaho niforototoe'e amy torahañe
Kidroney§. 14 O toets' aboo avao ty tsy naveve'e fe ni-lifotse IEHOVÀ ty arofo' i Asa amo
hene andro'eo. 15 Le nampizilihe'e añ'anjomba' IEHOVÀ ao o raha nengaen-drae'eo
naho o nengae'eo; ty fanake naho ty volafoty vaho ty volamena. 16 Nitolom-pialy t'i
Asa naho i Baasa* mpanjaka' Israele amo hene andro' iareoo. 17 Nionjoñe haname
Iehodà mb'eo t'i Baasa mpanjaka' Israele, vaho namboare'e ty Ramà, hikalañe ty
fiavotañe naho ty fimoahañe mb'amy Asa mpanjaka Iehodà mb'eo. 18 Rinambe' i Asa
amy zao ty vola-foty naho volamena sisa amy fañajam-baran' anjomba' IEHOVÀy naho
amy fañajam-baran' anjomba' i mpanjakaiy naho natolo'e am-pità' o mpitoro'eo; le
nampihitrife' i Asa amy Benehadade†, ana' i Tabrimone‡, ana' i Kezione§, mpanjaka'
i Arame, nimoneñe e Damesèkey, ami'ty hoe: 19 Ao ty fañina añivo'o naho zaho,
añivon-draeko naho ty rae'o; ingo nañitrifako ravoravo, volafoty naho volamena;
akia, apitsoho ty fañina'o amy Baasa mpanjaka' Israele, hisitaha'e amako. 20 Hinao'
i Benehadade t'i Asa mpanjaka, le nirahe'e haname o rova' Israeleo o roandria'
i valobohòkeio le linafa'e t'Iione*, naho i Dane, naho i Abel'bet'maakà† vaho i
Kinerote‡ iaby, reketse ty tane' i Naftalý§ iaby. 21 Ie jinanji' i Baasa zao le napo'e
ty fandranjiañe i Ramà vaho nimoneñe e Tirtsà* . 22 Nitsitsihe' i Asa mpanjaka koike
t'Iehoda, tsy nilefereñe; nakare' iereo o vato' i Ramà iabio naho o boda fañamboara'
i Baasao; le namboare' i Asa mpanjaka ty Geba† e Beniamine ao naho i Mitspà‡. 23 Aa
naho o fitoloña' i Asa ila'eo, i haozara'e iabiy naho ze hene tolon-draha'e naho o rova
namboare'eo; tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Iehodaoy hao? Ie
nigain-kantetse le narare am-pandia'e. 24 Nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Asa vaho
nalentek' aman-droae'e an-drova' i Davide rae'e ao; Iehosafate§ ana'e ty nandimbe
aze nifehe.
25 Niorotse nifehe Israele t'i Nadabe* ana' Iarovame amy taom-paha-roe' i Asa
mpanjaka' Iehoday, le nifeleke Israele roe taoñe, 26 nanao ze hatsivokarañe am-
pihaino IEHOVÀ naho nañavelo an-tsatan-drae'e vaho amy hakeo'e nampanaña'e
tahiñe Israeley. 27 Kinilili' i Baasà, ana' i Ahiià, añ' anjomba' Isakare, vaho zinevo'
i Baasà re e †Gibetonen-te-Pelistio; ie fa narikatohe' i Nadabe naho Israele iaby ty
Gibetone. 28 Amy taom-paha-telo' i Asa mpanjaka' Iehoday ty nanjevoña' i Baasa aze
vaho nandimbe aze nifehe. 29 Ie vata'e nimpanjaka le fonga zinama'e ty anjomba'
Iarovame; leo raike tsy napo'e hikofòke amy Iarovame ampara' te fonga vinono'e ty
amy tsara' IEHOVÀ nitsaraeñe am-pità' i Ahiià nte-Silò mpitoro'ey; 30 ty amo tahiñe
nanoe' Iarovameo naho nampanaña'e hakeo Israele amy sigihy nisigihe'e IEHOVÀ,
Andrianañahare' Israeley, hiviñera'e. 31 Aa le o fitoloña' i Nadabeo naho o hene
tolon-draha'eo, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao?
32 Nitolom-pialy avao t'i Asa naho i Baasa mpanjaka' Israele amo hene andro' iareoo.
33 Amy taom-paha-telo' i Asa mpanjaka' Iehoday, le niorotse nifehe' Israele iaby e
Tirtsà ao t'i Baasa ana' i Ahiià, vaho nifeleke taoñe roapolo-efats' amby. 34 Nanao ze
raty am-pivazohoa' IEHOVÀ re naho nañavelo ami'ty sata' Iarovame naho amy tahiñe
nampanaña'e hakeo Israeley.

---

§ **15:13** Kidrone: mikomainte, mihalonjetse * **15:16** Baasa: mpipay; mpandrotsake † **15:18** Bene-hadade; ana' i Hadade; anan-korake ‡ **15:18** Tibrimone: ampongabe' soa; foetse; aivo § **15:18** Kezione: aroñaroñe * **15:20** Iione: mañente; maso; rano migoangoañe † **15:20** Abelbetmaakà: fiandraza toe-pamorekeke ‡ **15:20** Kinerote: marovany; mivariñe § **15:20** Naftalý; mimane ndra mialy * **15:21** Tirtsa: matarike: tea vintañe † **15:22** Geba: tamboho; fitovy ‡ **15:22** Mitspà: Fitalaksañ'abo § **15:24** Iehosafate: Mpizaka t'IEHOVÀ * **15:25** Nadabe: ravoravo; roandria † **15:27** Gibetone: lambosiñe; anjomba abo

# 16

1 Aa le niheo am'Ieho* ana' i Kananý† ty tsara' Iehovà amy Baasa, nanao ty hoe:
2 Kanao naonjoko amy debokey rehe naho nanoeko mpifehe Israele, ondatikoo, naho
nañaveloa'o an-tsata' Iarovame nampanan-tahiñe ondatiko Israeleo hanigik' ahy
hibosehako amo hakeo'eo, 3 inao! ho faopaoheko añe t'i Baasa naho i anjomba'ey
vaho hanoeko hambañe amy anjomba' Iarovame ana' i Nebatey; 4 ze amy Baasa
mibanitse an-drova ao le ho hanen' amboa vaho habotse' o voron-tiokeo o aze
miantantiritse an-teteke eio. 5 Ty ila' o fitoloña' i Baasao naho o tolon-draha'eo vaho
o haozara'eo; tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao?
6 Nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Baasa naho nalenteke e Tirtsà ao vaho nandimbe
aze ho mpifehe t'i Elà‡ ana-dahi'e. 7 Mbore niatreatre i Baasa naho i anjomba'ey, am-
pità' Iehò, mpitoky, ana' i Kananý ty tsara' Iehovà, ty amo haloloañe iaby nanoe'e
am-pivazohoa' Iehovào, hanigìk' aze hiforoforo amo fitoloñam-pità'eo, ie nanahake
i anjomba' Iarovame nañohofa'e lozay. 8 Amy taom-paha-roapolo-eneñ' ambi' i Asa
mpanjaka' Iehoday, ty namotora' i Elà ana' i Baasa nifehe Israele e Tirtsà ao vaho
nifehe roe taoñe. 9 Nikinià' i Zimrý§ mpitoro'e, mpifeleke ty an-tsasa' o sarete'eo,
ie e Tirtsà añe nigenoke ho mamo añ' akiba' i Artsà*, mpamandro' i anjomba'e e
Tirtsày, 10 le nizilik' ao ty Zimrý nanjevoñe naho namono aze an-taom-paha-roapolo-
fito' ambi' i Asa, mpanjaka' Iehoda vaho nandimbe aze nifeleke. 11 Ie niorotse nifehe
naho vata'e niambesatse amy fiambesa'ey, le fonga zinama'e ty anjomba' i Baasa; tsy
nenga'e raike amo longo'eo, ndra amo rañe'eo ty namany an-kijoly. 12 Fonga narotsa'
i Zimrý ty anjomba' i Baasa, ty amy tsara' Iehovà nafe'e amy Baasa añamy Iehò,
mpitoky, 13 ty amo hakeo' i Baasao naho o tahi' i Elà ana'eo, amo hakeo'eo naho ie
nampanan-tahiñe Israele vaho nanigike ty haviñera' Iehovà Andrianañahare' Israele
amo hakoaha' iareoo. 14 Aa naho o fitoloña' i Elà ila'eo, o fonga raha nanoe'eo; tsy
fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao?
15 Ie an-taom-paha-roapolo-fito' ambi' i Asa mpanjaka' Iehoda, le nifehe fito andro e
Tirtsà ao t'i Zimrý. Nitobe hañatreatre' i Gebetonen-te-Pelistio, ondatio henane zay.
16 Aa ie jinanji' ondaty an-tobe ao, ty hoe: Nikilily t'i Zimrý namono i mpanjakay,
le nanoe' Israele iaby mpanjaka' Israele t'i Omrý†, mpifehe' i valobohòkey an-
tobe ao amy andro zay. 17 Niavotse boak'e Gibetone t'i Omrý rekets' Israele iaby
nañarikatoke i Tirtsà. 18 Naho nioni' i Zimrý t'ie nandrambe i rovay, le nimoak'
amy fitilik' abo' i anjombam-panjakaiy, le finorototo'e ama'e i anjombam-panjakay
vaho nihomake, 19 ty amo hakeo nanoe'e an-karatiañe am-pivazohoa' Iehovào amy
nañaveloa'e an-tsata' Iarovamey vaho amo tahiñe nanoe'e hampandilatse Israeleo.
20 Aa naho o fitoloña' i Zimrý ila'eo; i fikitrohan-draty nanoe'ey; tsy fa sinokitse amy
bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao? 21 Nizara roe amy zao o nte-Israeleo;
nañorike i Tibný‡ ana' i Ginate§ ty vaki' ondatio hanoa' iereo mpanjaka, le nañorike i
Omrý ka ty vaki'e. 22 Fe naharotsake o mpañorike i Tibný ana' i Ginateo o nañorike i
Omrio; aa le nikoromake t'i Tibný vaho nifehe t'i Omrý. 23 Amy taom-paha-telopolo-
raik' ambi' i Asa mpanjaka' Iehoday ty niorota' i Omrý nifehe' Israele, le nifeleke
folo-tao-ro'amby, nifehe enen-taoñe e Tirtsà. 24 Vinili'e talenta volafoty roe amy
Semere* ty tamboho atao Somerone, le nandranjy amy haboañey vaho nitokave'e
Somerone i rova namboare'ey ty amy tahina' i Semere tompo' i tambohoiy. 25 Nitolon-
karatiañe am-pihaino' Iehovà t'i Omrý, lombolombo' o niaolo aze iabio o haloloañe
nanoe'eo; 26 amy te fonga nañaveloa'e o sata' Iarovame ana' i Nebateo naho i tahiñe

* 16:1 Ieho: ie veloñe † 16:1 Kananý: matarike ‡ 16:6 Elà: Kobaiñe; fatse; fandañirañe an-jaka § 16:9 Zimry: sabo; mpibeko; vahe * 16:9 Artsà: i taney † 16:16 Omrý: Mpiana' Iehovà; borak'ampemba ‡ 16:21 Tibný: boka; ahetse § 16:21 Ginate: golobom-pamboleañe * 16:24 Semere: mpigaritse; fatike

nampanaña'e hakeo Israeley, ie nanigìke IEHOVÀ Andriananañahare' Israele hiviñera'e
amo hakoaha' iareoo. 27 Le o fitoloña' i Omrý ila'eo naho ty haozarañe naboa'e, tsy
fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao? 28 Nitrao-piròtse
aman-droae'e t'i Omrý naho nalenteke e Somerone ao vaho nandimbe aze nifehe t'i
Akabe†, ana'e.

29 An-taom-paha-telopolo-valo' ambi' i Asa mpanjaka' Iehoda ty niorota' i Akabe
ana' i Omrý nifehe Israele le nifeleke Israele e Somerone ao roapolo taoñe ro'amby;
30 nanao haloloañe am-pivazohoa' IEHOVÀ t'i Akabe ana' i Omrý, mandikoatse
o niaolo aze iabio. 31 Ie amy zao, hoe nimaivañ' ama'e ty manjotik' amo
hakeo' Iarovame ana' i Nebateo t'ie mbore nañenga Iizebele‡ ho vali'e, ie ana' i
Etebaale§ mpanjaka' o nte-Tsidoneo naho nimb'eo nitoroñe i Baale* vaho nitalahoa'e.
32 Nampitroara'e kitrely ty Baale amy anjomba' i Baale niranjie'e e Someroney.
33 Namboare' i Akabe ka ty ala-vondro; nilombolombo' o mpanjaka' Israele niaolo
aze iabio t'i Akabe ami'ty fanigiha'e ty haviñera' IEHOVÀ Andriananañahare' Israele.

34 Tañ' andro'e ty namboare' i Kiale† ty Ierikò. I Abirame‡ tañoloñoloña'e ty
nampipoha'e o mananta'eo le i Segobe§ tsitso'e ty nampitroara'e o lalambeio ty amy
tsara' IEHOVÀ nitsarae'e añam' Iehosoa ana' i Noney.

# 17

1 Le hoe t'i Elià* nte-Tisbè † mpimoneñe e Gilade amy Akabe, Kanao veloñe t'IEHOVÀ
Andriananañahare' Israele fijohañako, le tsy hahavy mika ndra orañe o taoñe rezao
naho tsy ami'ty rehako avao. 2 Le niheo ama'e ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 3 Isitaho
ty etoa le mitoliha maniñanañe, le mietaha amy torahañe atao Kerite‡ atiñana'
Iordaneiy, 4 le hinoñe amy torahañey rehe vaho fa liniliko o koàkeo ty hamahañe
azo. 5 Aa le nimb'eo re nanao i nitsarae' IEHOVÀy, nañialo añ' olo' i Kerite atiñana'
Iordaneiy. 6 Ninday mofo naho hena ama'e boa-maraiñe o koàkeo naho mofo naho
hena te hariva, ie ninoñe an-torahañe ao. 7 Ie añe nimaike i torahañey amy te tsy
niavy orañe i taney.

8 Aa le niheo ama'e ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 9 Miongaha, akia mb'e Tsarepate§
e Tsidone añe, le imoneño; inao, fa liniliko hiatrak' azo ty vantotse. 10 Aa le niongake
re nimb'e Tsarepate añe; ie nivotrak' an-dalambei' i rovay eo, ingo nanontom-
pipìke ty vantotse vaho nitokava'e ami'ty hoe: Añandeso rano tsy ampeampe an-
jonjòñe hinomeko. 11 Ie nihitrike mb'eo le tinoka'e, nanao ty hoe: Ehe, añandeso
pilipito-mofo an-taña'o. 12 Fe hoe re, Kanao veloñe t'IEHOVÀ Andriananañahare'o, zaho
tsy amam-bokoboko fa mona'e mahaàtsa-pitàñe raike am-batavo ao naho menake
tsiampeampe an-jonjòñe ao; namory tsila-katae roe raho anianikey hañalankañe
aze ho ahy naho i anakoy hihinana'ay vaho hivetrake. 13 Le hoe t'i Elià ama'e: Ko
hemban-drehe, akia, ano i sinaontsi'oy; f'ie anokono mofo kede heike, le azotsò, ie
heneke, anokono ka nahareo miroanake, 14 ami'ty nafè' IEHOVÀ Andriananañahare'
Israele ty hoe: Tsy ho ritse ty vatavom-bò, vaho tsy ho kapaike ty zonjò-menak'
ampara' ty andro irahe' IEHOVÀ orañe mb' an-tane atoa. 15 Aa le nimb'eo re,
hene nanoe'e i nisaontsia' i Eliày naho nikama andro maro, ie naho i Elià, vaho i
anjomba'ey. 16 Tsy nilany ty vatavom-bò vaho tsy nikapaike ty zonjo-menake, ty amy
tsara nampisaontsie' IEHOVÀ i Eliày.

---

† 16:28 Akabe: rahalahin-drae ‡ 16:31 IIizebele: malio tahiñe § 16:31 Ete-baale: mb'amy hazomangay
* 16:31 Baale: Talè † 16:34 Kiale: Veloñe t'i Andriananañahare ‡ 16:34 Abirame: raem-pitake § 16:34
Segobe; nihafatrareñe; naonjoñe * 17:1 Elià: Andriananañahare t' IEHOVÀ † 17:1 Tisbè: mahagadra;
mpandrohy ‡ 17:3 Kerite: tampake; mitrofake; mamono § 17:9 Tsarepate: fampitranaham-biñe

17 Ie añe, le natindrin-kasilofañe ty ana’ i rakembay, le akore ty fanjekea’ i
areteñey kanao tsy nahakofòke. 18 Le hoe re amy Elià, Inoñ’ ama’o raho, ry ondatin’
Añahareo? Nivotrak’ amako atoy hao rehe hampaniahiañ’ ahy o tahikoo, vaho
hañoho-doza amy anakoy? 19 Le hoe re ama’e: Atoloro ahy o ana’oo naho rinambe’e
añ’araña’e naho nendese’e mb’ am-batsa am-pimoneña’e ao vaho nampandre’e
am-pandrea’e. 20 Nitoreove’e am’ Iehovà ty hoe: Ry Iehovà, Andriananañahareko,
nametsaha’o hankàñe hao i vantotse añialoakoy, ie zinevo’o i ana’ey? 21 Nihity
in-telo ambone’ i ajajay re vaho nitoreo amy Iehovà, ami’ty hoe: Ry Iehovà
Andriananañahareko, miambane ama’o, Ampolio ami’ty ajaja toy ty fiai’e. 22 Le hinao’
Iehovà ty fiarañanaña’ i Elià, naho nimpoly amy ajajay ty fiai’e vaho nisotrake.
23 Rinambe’ i Elià i ajajay, le nazotso’e boak’ am-batsa ao mb’ añ’anjomba mb’eo, le
natolo’e an-drene’e, le hoe t’i Elià; Ingo, veloñe o ana-dahi’oo. 24 Le hoe i rakembay
amy Elià: Apotako henaneo t’ihe ro toe ondatin’ Añahare, vaho to ty tsara’ Iehovà
am-palie’o.

# 18

1 Ie andro maro añe, le niheo amy Elià ty tsara’ Iehovà, amy taom-paha-teloy ami’
ty hoe: Akia, miatrefa amy Akabe, fa hampahaviako orañe ty tane toy. 2 Aa le niheo
mb’eo t’i Elià hiatrek’ amy Akabe.

Toe nampalovilovy ty san-kerè e Somerone ao. 3 Le kinanji’ i Akabe t’i Obadià*
mpamandroñe i anjombay (toe mpañeveñe am’Iehovà t’i Obadià; 4 fa teo te nañitoa’
Iizebele o mpitoki’ Iehovào, le rinambe’ i Obadià ty mpitoky zato naho naeta’e ki-
limampolo an-dakato ao vaho finaha’e mofo naho rano.) 5 Fa hoe ty asa’ i Akabe
amy Obadià, Akia, tsitsiho i taney, mb’ amy ze rano manganahana naho mb’amo
torahañeo hera hahaisak’ ahetse tika handrombahañe o soavalao naho o borìkeo
ho veloñe, tsy mone ho motso aman-tika o hare iabio. 6 Aa le nifanjarà’ iereo i
taney hirangà’ iareo; nanjenge mb’ añ’ ila’e t’i Akabe, vaho nitakiokioke mb’añ’
ila’e t’i Obadià. 7 Aa ie amy fañaveloa’ey t’i Obadia le nifanalaka ama’e t’i Elià;
ie niisa’e, le nihotrak’ an-dahara’e, nanao ty hoe: Tsy i Elià talèkoy v’iheo? 8 Le
hoe ty natoi’e, Zaho ‘nio; akia, taroño amy talè’oy ty hoe, Atoy t’i Elià. 9 Le hoe
re, Ino o hakeokoo, te hasese’o am-pità’ i Akabe ty mpitoro’o hanjevoa’e? 10 Kanao
veloñe t’Iehovà Andriananañahare’o, tsy eo ty fifeheañe ndra fifelehañe tsy nañiraha’
i talèkoy hitsoeha’e; le ie nanao ty hoe, Tsy atoy re, le nampifantae’e i borizàñey
naho i fifeheañey t’ie tsy naharendrek’ azo. 11 Ie amy zao, hoe ty saontsi’o: Akia,
taroño amy talè’oy. Inao, fa atoy t’i Elià. 12 Ie amy zay, vata’e hienga azo raho le
hasese’ ty Tio’ Iehovà mb’amy amoeako añey rehe; aa ie miheo mb’amy Akabe mb’eo
hatalililiko, vaho tsy mahatendrek’ azo, le havetra’e; toe mpañeveñe am’ Iehovà ty
mpitoro’o sikal’ ami’ ty nahajalahy ahy. 13 Tsy naboak’ amy talèkoy hao ty nanoeko,
ie nanjamañe o mpitoki’ Iehovào t’Iizebele? t’ie nañetake ondaty zato, mpitoki’
Iehovào ki-limampolo an-dakato ao vaho nifahanako mofo naho rano? 14 Le ihe
manao ty hoe: Akia, taroño i talè’oy ty hoe: Inao, atoy t’i Elià, hanjevoa’e ahy. 15 Aa le
hoe t’i Elià: Kanao veloñe t’Iehovà’ i Màro fijohañakoy, toe hiatrek’ aze raho te anito.
16 Aa le niavotse t’i Obadià hifanalaka amy Akabe, le tinaro’e ama’e vaho nimb’eo t’i
Akabe hifañaoñe amy Elià.

17 Ie nitendreke i Elià t’i Akabe, le hoe t’i Akabe ama’e: Ihe v’zao, ty mpitrobo
Israele? 18 Le hoe ty natoi’e: Tsy zaho ty mitrobo Israele fa ihe naho ty anjomban-
drae’o, kanao tsinambolitio’ areo o lili’ Iehovào vaho norihe’o o Baaleo. 19 Akia,
ampañitrifo, vaho atontono amako mb’etoa iaby t’Israele an-kaboa’ i Karmele ey
naho i mpitokim-Baale efa-jato-tsi-limampolo rey, naho i mpitoki’ i Aserà efa-jato

* 18:3 Obadià: mpitoro’ Iehova

mpikama am-pandambaña’ Iizebele rey. 20 Aa le nampañitrife’ i Akabe o ana’ Israele
iabio vaho natonto’e an-kaboa’ i Karmele eo o mpitokio.

21 Nitotofe’ i Elià ondatio, le nanoa’e ty hoe: Ampara’ te ombia ty mbe hifejofejo
añivon-tsafiry roe? Naho IEHOVÀ ro Andrianañahare, oriho, fa naho i Baale ka, le
oriho. Tsy nahakofò-bolan-draike ondatio. 22 Le hoe t’i Elià am’ ondatio. Zaho le
zaho avao ty mpitoky honka’ IEHOVÀ; fe ondaty efa-jato-tsi-limampolo ty mpitoki’ i
Baale. 23 Aa le ampanoloro bania roe zahay, ho joboñe’ iereo ty a iareo, naho ho
lilie’ iareo vaho hasampe amo hatae’eo, fa tsy hasiañ’ afo ty ambane’e ao; le zaho
ka ty hikotepe ty bania ila’e naho hapoko ambone’ ty hatae vaho tsy hamiañako
afo ty ambane’e ao. 24 Tokavo amy zay ty añaran-drahare’ areo, le ho kanjieko ty
tahina’ IEHOVÀ; vaho ze Andrianañahare manoiñe an’afo, Ie ro Andrianañahare.
Hene nanoiñe ondatio nanao : Saontsy soa zay. 25 Le hoe t’i Elià amo mpitoki’ i
Baaleo: Joboño’ areo ty bania’ areo, le hajario heike, amy t’ie maro, le tokavo ty
añaran-drahare’ areo, fe ko mamiañ’ afo. 26 Aa le rinambe’ iareo ty bania natolotse
naho hinajari’ iereo vaho tinoka’ iareo ty añara’ i Baale mifototse amy maraindraiñey
pak’ an-tsipinde mena, ami’ty hoe: O Baale, toiño. Fe leo feo raike tsy nanoiñe.
Nitsamboatsamboañe an-tsinjake iereo añariari’ i kitrely namboare’ iereoy. 27 Ie
tsipinde-mena, le kiniza’ i Elià ami’ty hoe: Ipazapazaho, kanao ‘ndrahare, he tondren-
dre, ke miamontoñe, he nifokofoko añe; ke miroro ho tsekafeñe. 28 Aa le pinoña’
iereo ty fipazake, naho nandili-vatañe ama-meso naho lefoñe an-tsata’ iareo am-para’
te nidoandoan-dio. 29 Ie añe i tsingilingilieñey, mbe nitoky avao iereo sikal’ amy
fisoroñañe harivay, f’ie tsy amam-peo, tsy amam-panoiñe, tsy amam-pañaoñe. 30 Le
hoe t’i Elià am’ ondatio. Miharinea; le nañarivoa’ ondatio, vaho namboare’e i kitreli’
IEHOVÀ rinotsakey. 31 Nandrambe vato folo-ro’ amby t’i Elià ty ami’ty ia’ i fifokoan’
ana’ Iakobe rey; ie niheova’ ty tsara’ IEHOVÀy nanao ty hoe: Israele ty ho tahina’o;
32 le namboare’e kitrely amy vato rey ami’ty tahina’ IEHOVÀ; le nihalie’e talahake
niarikatoke i kitreliy, nahaatseke fañaranan-tabiry roe ty habei’e. 33 Hinajari’e amy
zao ty hatae, naho rinasa’e i baniay vaho nampipoha’e ambone’ o hataeo eo, 34 le
nanao ty hoe: Atsafo rano ty sajoa efatse vaho adoaño amo hisoroñañeo naho amo
hataeo. Le hoe re, Ano fañindroe’e, le nanoe’ iereo fañindroe’e. Le hoe re: Ano
fañintelo’e, vaho nanoe’ iareo fañintelo’e. 35 Aa le nikararak’ añ’ ariseho’ i kitreliy
i ranoy, nañatsake i talahay an-drano. 36 Ie amy fisoroñan-karivay le nañarine
mb’eo t’i Elià mpitoky nanao ty hoe: Ry IEHOVÀ Andrianañahare’ i Avrahame naho
Ietsake vaho Israele, ampaharofoano anito te Ihe ro Andrianañahare e Israele ao
naho te zaho ro mpitoro’o vaho amy tsara’oy ty nanoeko ze he’e zao. 37 Janjiño raho,
ry IEHOVÀ, janjiño, hahafohina’ ondaty retoañe te Ihe ro IEHOVÀ Andrianañahare,
mpampipoly ty arofo’ iareo. 38 Nipozak’ eo amy zao ty afo’ IEHOVÀ namorototo i
engan-koroañey naho o hataeo naho o vatoo naho i debokey vaho nitsela ty rano an-
kaly ao. 39 Ie nahaisake zay ondatio, le songa niankotrak’ an-dahara’e nanao ty hoe:
IEHOVÀ, ie ro Andrianañahare; IEHOVÀ, ie ro Andrianañahare. 40 Le hoe t’i Elià am’
iereo: Vahoro o mpitoki’ i Baaleo; ko apo’ areo hienga ndra raike; le tsinepa’ iareo;
nindese’ i Elià nizotso mb’amy Kidrone torahañe mb’eo vaho zinama’e. 41 Le hoe t’i
Elià amy Akabe: Mionjona, mikamà naho minoma; fa inao ty feon-oram-bey. 42 Aa le
nañambone ey t’i Akabe nikama naho nitohoke. Nanganike mb’an-kaboa’ i Karmele
mb’eo ka t’i Elià le nibokoke mb’an-tane, ty lahara’e añivo’ o ongo’eo; 43 le hoe re
amy mpitoro’ey, Mionjona, le mitalakesa mb’ an-driake eñe. Nionjom-beo re vaho
nanao ty hoe: Tsy ama’e. Le hoe re: Mibaliha mb’eo im-pito. 44 Ie amy faha-fitoy, le
hoe ty asa’e: Hehe ty rahoñe hoe lela-pità’ ondaty miakatse an-driake eñe. Le hoe
re, Akia, ano ty hoe amy Akabe: Hentseño i sarete’oy le mizotsoa, soa tsy hanebañ’
azo i orañey. 45 Ie amy zao nigobon-drahoñe naho tioke i likerañey vaho nikojojoake

ty orañe. Aa le niningitse mb'e Iezreele mb'eo t'i Akabe. 46 Tamy Elià ty fità' IEHOVÀ,
le nidian-tohake vaho nilay aolo' i Akabe mb'eo pak' am-pimoahañe e Iezreele añe.

# 19

1 Hene natalili' i Akabe am' Iizebele ty nanoe' i Elià naho i nanjamana'e am-pibara
o mpitoky iabioy. 2 Aa le nampañitrik' amy Elià t'Iizebele nanao ty hoe: Ee te anoa' o
'ndrahareo amako ndra mandikoatse naho tsy ampanahafeko ami'ty fiai' ty raik' am'
iereo ty fiai'o te maray hoe zao. 3 Ie jinanji'e, le niongake nandrombak' aiñe naho
nivotrake e Beerseva e Iehoda añe vaho napò'e ao i mpitoro'ey. 4 F'ie nañavelo andro
raike mb'an-dratraratra añe, le nivike naho niambesatse ambane' talý eo, nañiry
hivetrake, le hoe re, soa zay; ie henaneo, ry IEHOVÀ, rambeso ty fiaiko, fa tsy vantañe
te aman-droaeko raho. 5 Aa le nandre re nirotse ambane' i taliy eo, vaho ingo ty
anjely nanohiñ' aze ami'ty hoe: Mitroara, mikamà. 6 Niandra re, le hehe te marine' ty
añambone'e eo ty vonga-mofo natoñak' ambone' vaen' afo, naho ty zonjon-drano, le
nikama naho ninoñe le nirotse indraike. 7 Niheo mb'eo fañindroe'e i anjeli' IEHOVÀy,
nañedre aze nanao ty hoe: Mitroara, mikamà, fa tsy ho leo'o i liay. 8 Aa le nitroatse
re, nikama naho ninoñe vaho nañavelo an-kaozarañe efapolo andro naho efapolo
haleñe mb'e Korebe vohin' Añahare mb'eo.

9 Ie pok'eo le nimoak' an-dakato naho nañialo ao naho niheova' ty tsara' IEHOVÀ
nanao ama'e ty hoe: Ino ty anoe'o atoy, ry Elià? 10 Le hoe re: Toe nifarahieko
t'IEHOVÀ, Andrianañahare' i Màroy; amy te tsinambolitio' o ana' Israeleo i fañina'oy,
nafetsak' ambane o kitreli'oo naho vinono am-pibara o mpitoki'oo, naho zaho le zaho
ty honka'e vaho mipay ty fiaiko iereo, havetrake. 11 Le hoe re: Miavota, mijohaña
an-kaboañe ey añ' atrefa' IEHOVÀ. Aa inge, niary eo t'IEHOVÀ, le rinia' ty tio-bey
manangololahy i vohitsey naho namoy vato añatrefa' IEHOVÀ; fe tsy tamy tiokey
t'IEHOVÀ; ie añe i tiokey le ty fanginikinihan-tane; fe tsy tamy fanginikinihañey
t'IEHOVÀ; 12 ie añe i fanginikinihañey, le ty afo; fe tsy tamy afoy t'IEHOVÀ; ie
añe' i afoy le ty fikofohañe mora. 13 Ie jinanji' i Elià zay, le kinolopo'e amy
sarimbo'ey ty añambone'e, naho niakatse nijohañe am-bava' i lakatoy eo, vaho inao
ty fiarañanañañe mb' ama'e nanao ty hoe: Ino o anoe'o etoa, ry Elià? 14 Le hoe
re: Vata'e nifarahieko t'IEHOVÀ, Andrianañahare' i Màroy; amy te tsinambolitio' o
ana' Israeleo i fañina'oy, nafetsak' ambane o kitreli'oo, naho vinono am-pibara o
mpitoki'oo, le zaho, toe zaho avao ty honka'e, ie mipay ty fiaiko, haitoañe. 15 Le hoe
t'IEHOVÀ ama'e: Akia, mibaliha mb'amy lia'oy mb'eo pak' am-patrambei' i Damesèk'
añe; ie mivotrake eo, le orizo ho mpanjaka' i Arame t'i Kazaele* 16 naho Iehò† ana' i
Nimsý‡ ty horiza'o ho mpanjaka' Israele vaho i Elisà§ ana' i Safate* nte-Abelmeholà†
ty horiza'o ho mpitoky handimbe azo. 17 Ie amy zao, ze mipoliotse ami'ty fibara' i
Kazaele ho zevoñe' Iehò; le ze mipolatitse am-pibara' Iehò ho zevoñe' i Elisà. 18 Fa
amako e Israele ao ty fito-arivo sehanga'e, ze hene ongotse mb'e lia'e tsy nitongalek'
amy Baale vaho ze hene falie mboe tsy nañorok' aze.

19 Aa le niavotse mb'eo re naho tendrek' aze t'i Elisà ana' i Sefate, nitan-dasarý
reketse katràka amam-baoñe folo-ro' amby aolo'e; nindre amy faha folo-ro'ambiy re
vaho nahifi'e ama'e i sarimbo'ey. 20 Aa le napo'e i katràka rey naho nilay nañorike
i Elià nanao ty hoe: Angao horofako ty raeko naho i reneko le horiheko. Le hoe re
tama'e; Mibaliha; ino ty nanoako azo? 21 Aa le nibalik' amy fañoriha'e aze naho
rinambe'e ty katràka roe mpiharo baoñe, le linenta'e naho nahandro o hena'eo

* 19:15 Kazaele: i mahaisak' an'Andrianañaharey † 19:16 Iehò: ie eo ‡ 19:16 Nimsý: rinombak' an-kankañe
§ 19:16 Elisà: fandrombahan'Añahare * 19:16 Safate: mpizaka † 19:16 Ebelmeholà: fandalam-patike

ami'ty harao' i añombe rey naho nanjotsoa'e ondatio, vaho nikama. Niongak' amy
zao re nañorike i Elià, vaho nitoroñe aze.

# 20

1 Nanontoñe i hene valobohò'ey amy zao t'i Benehadade mpanjaka' i Arame,
reketse mpanjaka telopolo-ro'amby naho soavala vaho sarete le nionjomb'eo
nañarikatoke i Somerone hialia'e, 2 le nampihitrife'e mb'amy Akabe mpanjaka'
Israele an-drova ao, 3 ty nampanoa'e ty hoe: Hoe t'i Benehadade: Ahy o volafoty
naho volamena'oo; o vali'oo vaho o ana'oo, ahy ze hene soa ama'e. 4 Nanoiñe aze
ty mpanjaka' Israele nanao ty hoe: Ie i sinaontsi'oy, ry talèko mpanjaka, azo raho
naho ze hene hanañako. 5 Nibalike mb'eo indraike o ìrakeo, nanao ty hoe: Zao
ty asa' i Benehadade: Toe nahitriko ama'o ty hoe: Haseseo amako o volafoti'oo,
naho o volamena'oo naho o vali'oo vaho o ana'oo; 6 fa hiraheko mb' ama'o mb'eo
hamaray ami'ty andro hoe zao o mpitorokoo, le ho kodebe' iereo ty anjomba'o, naho o
anjombam-pitoro'oo; le ze soa am-pihaino'o ty hapo' iareo am-pità'e vaho hendese'e
añe. 7 Aa le songa kinoi' i mpanjaka' Israeley o roandria' i taneio, nanao ty hoe:
Ehe, isaho naho mahaoniña te midoha raha indatiy; fa pinai'e amako o valikoo
naho o anakoo naho o volafotikoo naho o volamenakoo, le tsy niraràko. 8 Le hoe
o androanavio naho ze hene ondaty ama'e, Ko mañaoñe aze, vaho ko miantoke.
9 Aa le hoe re amy ìra' i Benehadade rey: Saontsio ty hoe i talèko mpanjakay: Hene
hanoeko o nañiraha'o amy mpitoro'oy am-baloha'eo; fe tsy hanoeko o raha zao. Aa
le nienga o ìrakeo, ninday i entañe zay. 10 Le hoe ty nañiraha' i Benehadade ama'e:
Ee te hanoe' o 'ndrahareo amako ndra mandikoatse naho mahaatsam-pità' ze hene
ondaty mañorik' ahikoo ty debo' i Somerone. 11 Le hoe ty natoi' i mpanjaka' Israeley:
Taroño ama'e: Ee te tsy hirengevoke manahake ty mañafake fikalañe ty mañombe
aze.
12 Ie nahajanjiñe izay t'i Benehadade, ie ninon-toake miharo amy mpanjaka rey an-
kibohotse ao, le hoe re amo mpitoro'eo, Midadaña! Le nijadoñe niatreatre i rovay
iereo. 13 Niheo amy Akabe mpanjaka amy zao ty mpitoky, nanao ty hoe: Hoe ty tsara'
IEHOVÀ, Fa niisa'o hao o valobohòke miheneheneo? Ingo, hatoloko am-pità'o te anito,
soa te ho fohi'o te Zaho IEHOVÀ. 14 Le hoe t'i Akabe: Añama' ia? le hoe re: Hoe ty nafè'
IEHOVÀ, o ajalahi' o mpifehem-pokotaneo. Le hoe re: Ia ty hamototse i hotakotakey:
le hoe ty natoi'e: Ihe. 15 Aa le tinendre'e ty ajalahi' o mpifehem-pokotaneo: roanjato-
tsi-telopolo-ro'amby iereo; ie amy zao tinendre'e ka o fonga ondatio, ze hene ana'
Israele: fito-arivo. 16 Niavotse an-tsingilingilieñe iereo. Fe ninoñe an-kibohotse ao
t'i Benehadade himamoa'e, ie naho o mpanjakao, i mpanjaka telopolo-ro' amby
mpañolotse aze rey. 17 Niavotse mb'eo valoha'e i ajalahi' o mpifehem-pokotaneo
rey; aa le nañirake t'i Benehadade, le nitaliliañe ty hoe: Ey ondaty miakatse i
Someroneo. 18 Le hoe re, He niakatse an-kanintsiñe iereo, endeso veloñe; ke
niakatse hifandrapake, endeso veloñe. 19 Aa le niavotse i rovay iereo, i ajalahi' o
mpifehem-pokotaneo rey naho nañorike iareo o lahindefoñeo. 20 Songa zinevo' iareo
ty ondati'e; vaho nitriban-day o nte-Arameo, le nihoridañe' Israele; nipoliotse an-
tsoavala reke-piningi-tsoavala t'i Benehadade mpanjaka' i Arame. 21 Niavotse amy
zao i mpanjaka' Israeley le zinama'e o soavala-aman-tsareteo vaho zinevo'e o nte-
Arameo am-pizamanam-bey.
22 Nimb'amy mpanjaka' Israeley i mpitokiy, le nanoa'e ty hoe: Akia, mihaozara,
le tsikarato naho hotsohotso o hanoe'oo; amy te hionjo-mb'etoa hiatreatre azo ty
mpanjaka' i Arame ami'ty fibalihan-taoñe. 23 Fa nanao ty hoe amy mpanjaka' i
Aramey o mpitoro'eo: Andriananañahare' o haboañeo t'i Andriananañahare' iareo; aa le
naozatse te aman-tika iereo; antao arè hialy ama'e amontoñe añe; fa toe haozatse te
am' iereo tika. 24 Le ano zao: Songa asitaho an-toe'e o mpanjakao vaho solò mpifeleke

ty an-toe' iareo; [25] mamolilia valobohòke manahake i valobohòke nimotso ama'oy,
soavala hasolo soavala, sarete hasolo sarete; hifandrapak' am' iereo amontoñe ao
tika vaho toe ho fatratse te ama'e. Hinao'e ty feo' iareo le nanoe'e. [26] Aa ie
nihereñe ty taoñe le natonto' i Benehadade o nte-Arameo, vaho nionjomb'e Afeke*
mb'eo hialy am' Israele. [27] Tinendre amy zao o ana' Israeleo naho nivatieñe vaho
niavotse niatrek' ama'e; le nitobe aolo' iereo o ana' Israeleo hoe mpirai-liam-bik'
ose roe kedekedeke, ie nañatseke i taney o nte-Arameo. [28] Nitotoke mb'eo amy zao
ty 'ndatin' Añahare ninday tsara amy mpanjaka' Israeley, ami'ty hoe: Hoe ty nafè'
IEHOVÀ: Kanao nanao ty hoe o nte-Arameo : Andrianañahare' o haboañeo t'IEHOVÀ,
fa tsy Andrianañahare' o vavataneo; le fonga hatoloko am-pità'o i valobohòke bey
heneheney vaho ho fohi'o te Zaho IEHOVÀ. [29] Aa le nitobe nifañatreke fito andro
iereo. Ie amy andro faha-fitoy le nionjoñe ty hotakotake; vaho zinevo' o ana' Israeleo
ami'ty andro raike ty rai-hetse amo nte-Arame am-pandiao. [30] Le nitriban-day mb'e
Afeke añe o ila'eo, mb' an-drova ao; fe nikorovok' am' ondaty ro' ale-tsi-fito-arivo
sehanga'eo i kijoliy. Aa le nipolititse mb' amy rovay t'i Benehadade, ami'ty efe'e
am-po'e ao.

[31] Le hoe o mpitoro'eo ama'e: Mahaoniña, fa tsinano'ay te mpanjaka mpitretrè o
mpanjakan' anjomba' Israeleo; antao arè, mihalaly ama'o te hidian-gony am-bania
tika naho hanampe vahotse añ'ambonen-tika vaho hiavotse mb' amy mpanjaka'
Israeley mb'eo; he havotso'e ty fiai'o. [32] Aa le nisikin-gony am-bania iereo naho
nanampe vahotse añ'ambone eo, vaho niavotse mb'amy mpanjaka' Israeley mb'eo
nanao ty hoe: Manao ty hoe ama'o i mpitoro'o Benehadadey: Miambane ama'o:
angao ho velon-draho. Le hoe re: Toe mbe veloñe hao re? Rahalahiko 'nio. [33] Aa le
rinambe' indaty rey ho viloñe, ie tsinepak' am-palie'e i saontsy zay vaho nanao ty
hoe: I rahalahi'o Benehadadey 'nio. Le hoe re: Akia hitrifo. Aa le niakatse mb'ama'e
mb'eo t'i Benehadade naho najò'e an-tsarete'e ao, [34] vaho hoe t'i Benehadade
ama'e: Hampoliko o rova rinamben-draeko aman-drae'oo naho hamboare'o dokany
e Damesèk' ao manahake o namboaren-draeko e Someroneo. Zaho ka, hoe t'i Akabe,
havotsoko rehe amy fañina zay. Aa le nifañina'e vaho navotso'e.

[35] Teo amy zao t'indaty, ana-dahi' o mpitokio, nisaontsy an-drañetse ty amy nitsara'
IEHOVÀy, ty hoe: Ehe, lafao raho. Fe tsy nimete handafa aze indatiy. [36] Le hoe re
tama'e, Kanao tsy nihaoñe'o ty fiarañanaña' IEHOVÀ, Inao! vata'e mieng' ahy rehe le
ho zevoñe' ty liona. Aa le vata'e niavotse re, tendrek' aze ty liona nañe-doza ama'e.
[37] Nanjo ondaty indraike re, le nanoa'e ty hoe: Ehe, Lafao raho. Aa le linafa' indatiy,
finofo'e vaho nahafere aze. [38] Le nienga mb'eo i mpitokiy, nandiñe i mpanjakay
añ'olon-dalañe eo, ie nihonohono am-bandy ambonem-pihaino'e. [39] Aa ie niary eo
i mpanjakay le kinanji'e i mpanjakay, nanoe'e ty hoe: Naneñateña i hotakotakey ty
mpitoro'o, le teo te nivike t'indaty nanese t'indaty amako nanao ty hoe: Tano ondatio;
fa ndra ino ty maha-tsi-eo aze, le ty fiai'o ho a' ty fiai'e, ke hondroha'o volafoty
talenta raike. [40] Aa ie nitoloñe atoy naho aroy ty mpitoro'o, le nimosao re. Le hoe
ty mpanjaka' Israele ama'e: Aa le zay ty izakañ' azo; zay ty linaha'o. [41] Nafaha'e
amy zao i bandy am-pihaino'eoy; le napota' i mpanjakay t'ie mpiamo mpitokio. [42] Le
hoe re tama'e: Hoe ty nafè' IEHOVÀ; Kanao navotso'o am-pità'o indaty tinendreko
ho rotsaheñey, le ty fiai'o ty amy fiai'ey vaho ondati'oo ty am' ondati'eo. [43] Aa le
nimpoly mb' añ'anjomba'e mb'eo i mpanjaka' Israeley, nilonjetse naho nioremèñe
t'ie nipoke e Somerone ao.

* **20:26** Afeke: Haozarañe; fisorotombahañe

# 21

[1] Ie añe, teo t'indaty atao Nabote* nte-Iezreele, ty tanem-bahe'e nifañefetse amy
anjomba' i Akabe, mpanjaka' i Someroneiy. [2] Le hoe t'i Akabe amy Nabote: Atoloro
ahy o tanem-bahe'oo hanoeko golobon' añañe, amy t'ie marine i trañokoy; ke ho
soloako tanem-bahe soa te ama'e, he, naho atao'o ho soa, le hitolorako ty drala
mañeva. [3] Aa hoe t'i Nabote amy Akabe: Fa rinara' IEHOVÀ raho tsy hatoloko azo i
lovan-droaekoy. [4] Aa le nanjetoke naho nanjokòke t'i Akabe te nimoak' añ'anjomba'e
ao amy nisaontsie' i Nabote nte-Iezreele ty hoe: Tsy hitolorako ty lovan-droaeko; le
nandre am-pandrea'e eo, nitoli-daharañe vaho tsy nete nikama mofo.
[5] Nimb'ama'e t'Iizebele tañanjomba'e, nanao ama'e ty hoe: Ino ty mahalonjetse o
arofo'oo, ihe tsy mahafikama? [6] Le hoe re ama'e: Fa vinolako t'i Nabote nte-Iezreele
ami'ty hoe: Aletaho amako an-drala o tanem-bahe'oo; he naho tea'o hitolorako
tanem-bahe hafa ho solo'e; le hoe ty natoi'e: Tsy hatoloko azo i tanem-bahekoy. [7] Le
hoe t'Iizebele vali'e ama'e: Tsy ihe hao ty mifehe i fifehea' Israeley? Miongaha,
mikamà vaho mirebeha an-troke; fa hatoloko azo i tanem-bahen-te Iezreeley. [8] Aa le
nanokitse taratasy re ami'ty tahina' i Akabe naho vinoli-tombo'e am-bolim-pitombo'e
naho nahitri'e amo androanavio naho amo roandriañe an-drovao vaho amo nitrao-
pimoneñe amy Naboteo. [9] Hoe ty sinoki'e amy taratasy rey: Koiho ty lilitse le onjono
ho aolo' ondatio t'i Nabote; [10] naho ampipoho ondaty roe tsivokatse hiatrek' aze,
hanisý aze ami'ty hoe: Namatse an' Andrianañahare naho i mpanjakay rehe. Le
aseseo alafe ey re vaho ametsaho vato hihomaha'e. [11] Aa le nanoe' ondati' i rovaio,
o androanavio naho o roandriañe mpimoneñe an-drova'ao i nahitri' Iizebele am'
iereoy, i sinokitse amy taratasy nahitri'e am'iereoy. [12] Nikoike lilitse iereo naho
napoke aolo' ondatio t'i Nabote. [13] Le nizilik' ao t'indaty roe tsivokatse niambesatse
añatrefa'e; nanara-vande amy Nabote añatrefa' ondatio i tsivokatse rey, ami'ty hoe:
Namatse an' Andrianañahare naho i mpanjakay t'i Nabote. Aa le nasese' iareo
niakatse i rovay, nametsa-bato ama'e am-para' te nihomake. [14] Nahitri' iereo amy
Iizebele amy zao ty hoe: Fa nametsaham-bato t'i Nabote vaho nihomake. [15] Aa ie
tsinano' Iizebele te finetsa-bato t'i Nabote vaho fa nihomake, le hoe t'Iizebele amy
Akabe: Miongaha, rambeso i tanem-bahe' i Nabote nte-Iezreeley, i tsy natolo'e azo
an-dralay; amy te tsy veloñe t'i Nabote fa mate. [16] Aa ie jinanji' i Akabe te nihomake
t'i Nabote, le niavotse mb' amy tanem-bahe' i Nabote nte-Iezreeley mb'eo t'i Akabe
hanaña'e aze.
[17] Le niheo amy Elià nte-Tisbè ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: [18] Miavota, mizotsoa
hifanalaka amy Akabe mpanjaka' Israele, mpimoneñe e Somerone; inao t'ie an-
tanem-bahe' i Nabote ao, nizotso mb'eo hanaña'e. [19] Le ty hoe ty ho saontsie'o
ama'e: Hoe ty nafè' IEHOVÀ: Nañoho-doza hao rehe mbore mitavañe? Le isaontsio
ty hoe: Hoe ty tsara' IEHOVÀ: Amy toetse nilelafan' amboa ty lio' i Nabotey ty
hitselàn' amboa o lio'oo—o azoo. [20] Le hoe t'i Akabe amy Elià: Fa nifanojo
amako ry rafelahiko? Le hoe re, Mipay azo raho, amy t'ie nanolo-batañe ami'ty
hatsivokarañe am-pivazohoa' IEHOVÀ. [21] Inao! hametsahako hankàñe naho havìko
añe ty firaoraoa'o, le fonga haitoko amy Akabe ze mañary rano an-kijoly, ty migabeñe
ao naho ty midada e Israele añe. [22] Le hampanahafeko amy anjomba' Iarovame
ana' i Nabatey ty anjomba'o naho manahake ty anjomba' i Baasà ana' i Akià, ty
amy kai-jaka nikaihe'o amakoy, vaho nampanaña'o hakeo t'Israele. [23] Le nitsara
am' Iizebele ka t'IEHOVÀ, nanao ty hoe: Ho hane' o amboao an-talaha' Iezreele ao
t'Iizebele. [24] Ho hanen' amboa ty miantantiritse a i Akabe an-drova ao vaho ho hane'
o voron-dikerañeo ty mibabòke an-kivok' ao. [25] Tsy ni-añohatse t'i Akabe ami' ty
fanolora'e vatañe hanoa'e hatsivokarañe am-pivazohoa' IEHOVÀ, ie nihehere' i vali'e

* **21:1** Nabote: volañe; toky

Iizebeley. 26 Norihe'e an-kaloloañe o hazomangao, manahake ty sata' o nte-Amoreo, o rinoa' IEHOVÀ aolo' o ana' Israeleoo. 27 Aa ie nahajanjiñe i tsara zay t'i Akabe le rinia'e o saro'eo naho nisikin-gony an-tsandri'e naho nililitse vaho nandre antsaron-gony le nijokojoko. 28 Aa niheo amy Elià nte-Tisbý ty tsara' IEHOVÀ, ami'ty hoe: 29 Isa'o hao te mirèke añatrefako t'i Akabe? Aa kanao niambane aoloko re le tsy hafetsako ama'e añ'andro'e i hankàñey, fa añ'andro' o ana'eo ty hañendesako fehohatse amy akiba'ey.

# 22

1 Le lia'e tsy nialy telo taoñe ty Arame naho Israele. 2 Ie amy taom-paha-teloy, le
nizotso mb'amy mpanjaka' Israeley mb'eo t'Iehosafate mpanjaka' Iehoda. 3 Aa hoe
ty mpanjaka' Israele amo mpitoro'eo: Fohi' areo hao te antika t'i Ramote-Gilade?
fe mbe eo avao tika tsy nandrambe aze am-pitam-panjaka' i Arame. 4 Le hoe re
am' Iehosafate: Hitraok' amako hao rehe hifandrapake e Ramote-Gilade añe? le hoe
t'Iehosafate amy mpanjaka' Israeley: Ama'o raho manahake ty vata'o, ondatikoo
hoe ondati'o, o soavalakoo hoe soavala'o. 5 Le hoe t'Iehosafate amy mpanjaka'
Israeley: Ehe, paiao hey ty tsara' IEHOVÀ. 6 Aa le natonto' i mpanjaka' Israeley o
mpitokio, va'e ondaty efa-jato, le nanoa'e ty hoe : Homb' e Ramote-Gilade mb'eo
hao raho hifañotakotake, he hifoneñe? Le hoe iereo: Miavota; fa hitolora' i TALÈ
am-pità' i mpanjakay. 7 Aa hoe t'Iehosafate: Tsy amam-pitoki' IEHOVÀ hao ty atoy
hañontanean-tika? 8 Le hoe ty mpanjaka' Israele am' Iehosafate: Mbe añe t'indaty
raike hampañontanean-tika am' IEHOVÀ, i Mikaià* ana' Imlà†; fe hejeko; amy te tsy
soa ty fitokia'e amako fa raty. Le hoe t'Iehosafate: Ee te tsy hanao zay ty mpanjaka!
9 Aa le kinanji' i mpanjaka' Israeley ty mpifehe, nanao ty hoe: Hitrifo masika t'i
Mikaià ana' Imlà. 10 Ie amy zao songa niambesatse am-piambesa'e, nisarimbo an-
toem-pamofohañe an-dalambeim-pimoaha' i Somerone ey ty mpanjaka' Israele naho
Iosafate mpanjaka' Iehoda; le nitoky añatrefa' iereo o mpitoky iabio. 11 Nandranjy
tsifa viñe ho aze t'i Tsedekià‡ ana' i Kenaanà§ nanao ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Ho
tombohe'o amo retiañe o nte-Arameo am-para' te mongotse. 12 Le nitoky hoe zay
iaby o mpitokio, nanao ty hoe: Mionjona mb'e Ramote-Gilade mb'eo le miraoraòa; fa
hatolo' IEHOVÀ am-pità' i mpanjakay. 13 Nisaontsie' i nampihitrifeñe amy Mikaià ty
hoe: Inao: mikoike hasoa amy mpanjakay am-palie raike ty fisaontsi' o mpitokio, aa,
ee te hanahake ty fisaontsi' ty raik' am' iereo o enta'oo, fa ty hasoa ty atao'o. 14 Aa
hoe t'i Mikaià: Kanao veloñe t'IEHOVÀ, ze hafè' IEHOVÀ amako, zay ty ho taroñeko.
15 Ie pok' amy mpanjakay eo, le hoe i mpanjakay ama'e: O Mikaià, hionjomb' e
Ramote-Gilade mb'eo hao tika, he hifoneñe? Le hoe re: Mionjona, miraoraòa, fa
hatolo' IEHOVÀ am-pità' i mpanjakay. 16 Le hoe i mpanjakay ama'e: Im-pire hao
t'ie hitolom-pamantoke azo ty tsy hisaontsy amako naho tsy ty hatò ami'ty tahina'
IEHOVÀ? 17 Le hoe re: Nitreako te hene niparaitak' amo vohitseo t'Israele, manahak'
añondry tsy amam-piarake; aa le hoe t'IEHOVÀ: Po-talè iereo; apoho songa himpoly
mb' an-kiboho'e mb'eo an-kanintsiñe. 18 Le hoe ty mpanjaka' Israele am' Iehosafate:
Aa vaho tsy vinolako ama'o hao te tsy ty soa ty hitokia'e ahy fa ty raty. 19 Le hoe re:
Aa le janjiño ty tsara' IEHOVÀ. Nitreako t'IEHOVÀ niambesatse amy fiambesa'ey naho
nijohañe añ' ila'e am-pità'e havana naho an-kavia'e i valobohòn-dikerañey. 20 Le
hoe t'IEHOVÀ: Ia ty hanigìke i Akabe, hionjona'e hikorovoke e Ramote-gilade añe.
Nanao hoe zao ty raike, naho hoe zay ty ila'e. 21 Nionjomb' eo amy zao ty fañahy
nijohañe añatrefa' IEHOVÀ ey, nanao ty hoe: Zaho ty hanigìk' aze. Le hoe t'IEHOVÀ

* 22:8 Mikaià: ia ty mañirinkiriñe Ià † 22:8 Imlà: maro; fisavarañe ‡ 22:11 Tsedekia: ty hatò' IEHOVÀ
§ 22:11 Kenaanà: demoke

ama'e: Ami'ty manao akore? 22 Le hoe re, Hionjomb' eo raho ho fañahim-bande am-
palie' o mpitoky iabio. Le hoe re: Ihe arè ty hanigik' aze vaho ho tahieñe; akia, anò.
23 Ie amy zao, mahaoniña te nampipoha' IEHOVÀ am-palie' o hene mpitoky retoañe
ty fañahin-dremborake; fe nitsara hànkañe ama'o t'IEHOVÀ. 24 Le nañarine aze t'i
Tsedekià ana' i Kenaanà naho tinampifi'e am-pivimbi'e ty Mikaià vaho nanao ty hoe:
Nimb' aia i fañahi' IEHOVÀ niboak' amako hampivolañe azoy? 25 Le hoe t'i Mikaià:
Mahafohina te ho isa'o ami'ty andro himoaha'o hietak' an-traño añate'e ao. 26 Le hoe
ty mpanjaka' Israele, Rambeso t'i Mikaià le aseseo amy Amone mpifelek' i rovay naho
am' Ioase ana' i mpanjakay; 27 le ano ty hoe: Hoe ty saontsi' i mpanjakay: Agabeño
ampandrohizañe ao t'indaty tia vaho fahano mofon-kasotriañe naho ranon-kaoreañe
ampara' te mimpoly an-kanintsin-draho. 28 Le hoe t'i Mikaià, Naho mimpoly an-
kanintsin-drehe le tsy nitsara añamako t'IEHOVÀ. Le hoe re: Mijanjiña ondatio;
inahareo iaby.
29 Aa le nionjomb'e Ramote-gilade mb'eo ty mpanjaka' Israele naho Iehosafate
mpanjaka' Iehoda. 30 Le hoe ty mpanjaka' Israele am' Iehosafate: Hañonohono vatan-
draho vaho himoak' ankotakotak' ao; fe ampiombeo o saro'oo. Le nañonohono ty
mpanjaka' Israele, t'ie nionjomb' añ' aly mb'eo. 31 Ie amy zao fa linili' i mpanjaka'
i Aramey i mpifehen-tsarete'e telo-polo-ro' amby rey ami'ty hoe: Ko mialy ami' ty
kede ndra ami' ty bey, fa amy mpanjaka Israeley avao. 32 Aa ie nioni' o mpifehen-
tsareteo t'Iehosafate, le nanao ty hoe: Inge ie! ty mpanjaka' Israele, le hene nitolike
hialy ama'e; vaho nikoike t'Iehosafate. 33 Aa ie nioni' i mpifehen-tsarete rey t'ie
tsy mpanjaka' Israele, le nivio tsy nañoridañ' aze ka. 34 Le teo t'indaty nampibitso-
pale tsy nahi'e, vaho trinofa'e ty mpanjaka' Israele añivo' ty fikalañ' ambane naho
ty fikalañ' araña'e ao; aa le hoe re amy mpinday sarete'ey: Ampitoliho ty fità'o, le
akaro amy valobohòkey raho, fa vata'e fere. 35 Niindra avao ty aly amy andro zay, le
nampiatoeñe amy sarete'ey am-piatrefañe o nte-Arameo i mpanjakay, le nihomake te
hariva; nikararàke boak' am-pere'e mb'an gorodo' i saretey ty lio'e. 36 Nipoñak' amy
zao ty koike niboele amy valobohòkey te tsofots' àndro nanao ty hoe: Songa ondaty
mb' an-drova'e, fonga ondaty mb' an-tane'e añe. 37 Aa le nihomake i mpanjakay,
vaho nendeseñe e Somerone; le nalente' iereo e Somerone ao i mpanjakay. 38 Sinasa
marine' i antara' i Someroney i sarete'ey, naho tsinela' o amboao ty lio'e, (toe
fiandroa' o tsimirirañeo ty ao), ty amy enta' IEHOVÀ nitsarae'ey. 39 O fitoloña' i Akabe
ila'eo naho o nanoe'e iabio naho i anjomba niranjie'e an-tsifay vaho o rova maro
namboare'eo, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao?
40 Aa le nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Akabe; vaho nandimbe aze nifehe t'i Ahkazià*
ana'e.
41 Niorotse nifehe e Iehoda t'Iehosafate ana' i Asa amy taom-paha-efa' i Akabe
mpanjaka' Israeley. 42 Ni-telopolo taoñe lime amby t'Iehosafate t'ie namototse
nifeleke; le taoñe roapolo-lime amby ty nifehea'e e Ierosalaime ao. I Azobà†, ana'
i Silký‡ ty tahinan-drene'e. 43 Nañavelo ami'ty lia' i Asà rae'e re, tsy nivìk' ama'e le
ze mahity am-pihaino' IEHOVÀ avao ty nanoe'e; 44 fe tsy nafahañe añe o tambohoo;
le mbe nanao soroñe naho nañenga amo tambohoo ondatio. 45 Nifampilongo amy
mpanjaka' Israeley t'Iehosafate. 46 Le o fitoloña' Iehosafate ila'eo naho i haozara'e
naboa'ey vaho o fialia'eo; tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka'
Iehodaoy hao? 47 Naho o Tsivoatsolo sehanga'eo, o mbe nisisa faha' i Asa, rae'eo,
le finongo'e amy taney. 48 Tsy amam-panjaka t'Edome, fa mpifeleke ty nisolo i
mpanjakay. 49 Nandranjy sambon-Tarsise t'Iehosafate hitoha volamena e Ofira añe;
f'ie tsy nionjomb'eo; nifoy e Etsione-gebere ao i sambo rey. 50 Le hoe t'i Ahkazià ana'

* **22:40** Akazia: fitsipahañe; aroñaro' IEHOVÀ † **22:42** Azobà: naforintseñe ‡ **22:42** Silký: ran-katae; fialiañe; fikalañañe

i Akabe am' Iehosafate: Angao hindre lia amo mpitoro'oo an-tsambo' o mpitorokoo.
Fe tsy nimete t'Iehosafate. 51 Le nitrao-piròtse aman-droae'e t'Iehosafate, naho
nalentek' aman-droae'e an-drova' i Davide, rae'e ao vaho nandimbe aze nifehe
t'Iehorame ana'e.
52 Niorotse nifehe Israele e Somerone ao t'i Ahkazià amy taom-paha-folo-fito'
ambi' Iehosafate mpanjaka' Iehoday, le nifehe Israele roe taoñe, 53 fe nanao halò-
tserehañe am-pivazohoa' IEHOVÀ naho nañavelo an-tsatan-drae'e naho an-tsatan-
drene'e naho an-tsata' Iarovame ana' i Nebate, ie nampanan-kakeo' Israele. Nitoroñe
i Baale re naho nitalahoa'e vaho nisigihe'e t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, fonga
nitsikombè'e o nanoen-droae'eo.

# Mpanjaka II

1 Ie nihomake t'i Akabe, le niola am' Israele t'i Moabe. 2 Nitsirikoake boak' amy
tsingarakara' i efe'e ambone eo e Someroney t'i Ahkazià le nisiloke vaho nampañi-
trife'e ty ìrake, ami'ty hoe: Akia. añontaneo amy Baalezebobe*, 'ndrahare' i Ekrone,
ke hiambeñe raho amo areteko zao. 3 Fe hoe ty tsara' i anjeli' IEHOVÀ amy Elià nte-
Tisbý: Miongaha, akia mifanalakà amo ìra' i mpanjaka' i Someroneio, le ano ty hoe:
Aa vaho tsy aman' Añahare hao t'Israele, t'ie homb' amy Baalezebobe 'ndrahare'
i Ekrone hañontane aze? 4 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ: Tsy hizotso amy fandreañe
nijoña'oy rehe, fa toe hivetrake. Le nienga t'i Elià. 5 Nimpoly ama'e o ìra'eo, le
hoe re ama'e: Ino ty nimpolia' areo? 6 Le nanoa' iareo ty hoe: Nifanampe ama'ay
t'indaty nanao ty hoe: Akia mimpolia mb' amy mpanjaka nañirak' anahareoy, vaho
isaontsio ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ: Aa vaho tsy aman' Añahare hao t'Israele te
ihe mañitrike hañontane e Baalezebobe 'ndrahare' i Ekrone? Aa le tsy hizotsoa'o i
fandreañe nijoña'o, fa toe hihomake. 7 Le hoe re am' iereo: T'indaty manao akore
ty nifanalaka ama' areo, nisaontsy i entañe zay ama' areo? 8 Le hoe ty natoi' iareo:
Ondaty volovoloeñe, midian-kolitse an-toha'e. Le hoe re: I Elià nte-Tisbý zay.
9 Aa le nañirake ty mpifehe-limampolo rekets' i limampolo'ey i mpanjakay.
Niañambone mb'ama'e mb'eo iereo, le ingo ie niambesatse an-dengom-bohitse ey.
Le hoe re ama'e: O ondatin' Añahareo, hoe ty enta' i mpanjakay: Mizotsoa. 10 Le
hoe ty natoi' i Elià i mpifehe limampoloy: Naho toe ondatin' Añahare raho le ee
te hizotso boak' andikerañe ey ty afo hamorototo azo naho o limampolo'oo, Aa le
nikodoiñe boak' andikerañe añe ty afo namorototo aze rekets' i limampolo rey.
11 Nañirake mpifehe limampolo indraike re rekets' i limampolo'ey. Le nisaontsia'e ty
hoe: Ry 'ndatin' Añahareo, hoe i mpanjakay: Mizotsoa ami'ty manao zao. 12 Le hoe
ty natoi' i Elià: Naho toe 'ndatin' Añahare raho, le ee te hizotso boak' an-dikerañe
ey ty afo hamorototo azo naho o limampolo'oo. Le nizotso boak' aman' Añahare an-
dikerañe añe ty afo namorototo aze rekets' i limampolo'ey. 13 Nañirake indraike
re, le ty mpifehe limampolo fahatelo reketse ty limam-polo'e. Nitroatse mb'eo i
mpifehe limampoloy, le nitongalek' añatrefa' i Elià eo vaho nihalalia'e ami'ty hoe: Ry
ondatin' Añahare, miambane ama'o, ehe te ho vara am-pahaisaha'o ty fiaiko naho
ty fiai' o mpitoro'o limampolo retoañe. 14 Toe nihotrake boak' andikerañe ey ty
afo namorototo i mpifehe limampolo taolo rey rekets' i limampolo' iareoy; fe ee te
ho sarotse ampahaoniña'o henaneo ty fiaiko. 15 Le hoe ty tsara' i anjeli' IEHOVÀy
amy Elià: Mindreza fizotso ama'e, ko hembañe. Le niongake re nizotso mindre
ama'e mb' amy mpanjakay mb'eo. 16 Le hoe re tama'e: Hoe ty nafè' IEHOVÀ: Ie
nañitrik' ìrake hañontane i Baalezebobe, 'ndrahare' i Ekrone; tsy aman'Añahare hao
t'Israele hañontanea'o i tsara'ey? Toly ndra tsy hizotsoa'o o fandreañe nijoña'oo
fa toe hivetrake. 17 Aa le nihomake re ty amy tsara' IEHOVÀ nisaontsie' i Eliày.
Le niorotse nandimbe aze nifehe t'Iehorame amy taom-paharoe' Iehorame ana'
Iehosafate mpanjaka' Iehoday; amy t'ie tsy nanañ' ana-dahy. 18 Le o fitoloñañe ila'e
nanoe' i Ahkaziào, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy
hao?

## 2

1 Ie amy zao, naho fa honjone' IEHOVÀ an-tangololahy mb'an-dikerañe añe t'i Elià,
le nindreza' i Elià lia t'i Elisà mb'e Gilgale añe. 2 Le hoe t'i Elià amy Elisà: Ehe, eo hey

* 1:2 Baalezebobe: 'ndraharen-daletse

rehe, fa nampihitrife' IEHOVÀ mb'e Betele añe raho. Aa hoe t'i Elisà, Kanao veloñe t'i
IEHOVÀ naho veloñe ty arofo'o, zaho tsy hieng' azo. Aa le nizotso mb'e Betele mb'eo
iereo. 3 (Nimb' amy Elisà mb'eo o anam-pitoky e Beteleo nanao ama'e ty hoe: Fohi'o
hao te hasita' IEHOVÀ boak' ambone'o ty talè'o te anito? Le hoe re: Eka 'nio apotako;
mianjina.) 4 Le hoe t'i Elià ama'e: O Elisà, Ehe eo hey rehe, fa nampisangitrife' IEHOVÀ
mb'e Ieriko mb'eo raho. Aa hoe re, Kanao veloñe t'i IEHOVÀ naho veloñe ty arofo'o,
tsy hengako. Aa le nimb'e Ieriko mb'eo iereo. 5 (Nimb' amy Elisà mb'eo o anam-
pitoky e Ierikoo nanao ty hoe ama'e: Fohi'o hao te hasita' IEHOVÀ tsy ho ambone'o
ty talè'o te anito? Le hoe re: Eka, apotako: mianjina.) 6 Le hoe t'i Elià ama'e: Ehe, eo
hey rehe, fa nirahe' IEHOVÀ mb' am' Iordaney mb' eo raho, le hoe re: Kanao veloñe t'i
IEHOVÀ, naho veloñe ty arofo'o, zaho tsy hieng'azo. Aa le nimb'eo i roroey. 7 Nimb'eo
ka ty limampolo amo anam-pitokio le nijohañe tandrife iareo ey; vaho nijohañe añ'
olo' Iordaney i roey. 8 Rinambe' i Elià i sarimbo'ey le naholonkolo'e naho linafa'e i
ranoy naho nivaky roe mb'atia mb' etia vaho nitsak' an-tane maike ie roe. 9 Naho
tafatsake, le hoe t'i Elià amy Elisà; Halalio ze hanoeko ho azo, aolo' te ho rambeseñe
ama'o. Le hoe t'i Elisà: Ehe, te hanañ' anjara roe amy arofo'oy raho. 10 Le hoe re:
Raha sarotse i nihalalia'oy f'ie mahaisak' ahy te ampisitaheñe ama'o, le ho azo'o; fa
naho tsy zay, le ho tsie. 11 Aa ie nitolom-pañavelo mb'eo nifanaontsy, le nisodehañe
eo ty sareten' afo naho soavalan' afo nampiria iereo roe le nionjoñe an-tangolahy
mb' andikerañe añe t'i Elià. 12 Niisa' i Elisà, le hoe ty fipaza'e: Raeko, Raeko, o
sarete' Israeleo, naho o mpiningi'eo! le tsy nioni'e ka; rinambe'e amy zao o siki'eo
vaho rinia'e roe.
13 Rinambe'e ka i sarimbo' i Elià nipok' ama'ey le nibalike vaho nijohañe añ'
olo' Iordaney eo. 14 Rinambe'e i sarimbo' i Elià nipok'ama'ey le linafa'e i ranoy
ami'ty hoe: Aia t'IEHOVÀ Andriananahare' i Elià? aa ie linafa'e o ranoo, le nifampiria
mb'atia, mb'etia; le nitsake t'i Elisà. 15 Aa ie niisa' o anam-pitoki' Ieriko eio, le hoe
iereo: Mipetak' amy Elisà ty arofo' i Elià. Le nimb' ama'e mb'eo nifanalaka ama'e
vaho nibokoboko an-tane añatrefa'e. 16 Le hoe ty asa' iareo ama'e: Ingo hey ty
lahilahy maozatse limampolo amo mpitoro'oo; ehe, ampihitrifo, hipay i talè'oy, hera
nampionjone' i Kofò' IEHOVÀy vaho nahifi'e an-kaboañ' ey ndra am-bavatane ao. Le
hoe re. Ko mañitrike. 17 F'ie nañosik' aze am-para' t'ie niheve, le hoe re: Iraho! le
nirahe' iereo i lahilahy limampolo rey; nitsoeaha' iareo telo andro fa tsy nahatrea.
18 Nimpoly ama'e iereo ie nitambatse e Ieriko ao, le hoe re am' iereo, tsy nivolañeko
hao ty hoe: Ko mb'eo?
19 Nanao ty hoe amy Elisà ondati' i rovaio: Ehe mahaisaha te fanjaka ty toe' ty rova
toy, ampahaoniñan- talèko; fe raty ty rano'e, vaho tsy mamokatse o taneo. 20 Aa le hoe
re: Endeso korobo vao raho le ajoño ama'e ty sira. Le nandesa' iereo. 21 Le nionjomb'
amo rano manganahanao re naho nahifi'e ama'e i siray, vaho nanao ty hoe: Hoe
t'IEHOVÀ, fa jinangako o rano retoañe, tsy ama'e ka henane zao ty fampihomahañe
ndra ty tsy havokarañe. 22 Aa le nivoatse i ranoy pake henane ty amy saontsi' i Elisà
nitaroñe'ey. 23 Nienga re vaho nionjomb'e Betele añe; aa ie nañavelo an-dalam-b'eo,
teo ty ajaja niakatse i rovay nikizak' aze ami' ty hoe: Mionjona ty sola, mionjona ty
sola; 24 Nitolike mañamboho re nahaisake iareo le nozoñe'e ami'ty tahina' IEHOVÀ.
Aa le niakatse boak' amy alay ty dobe rene'e roe, nandrimitse ty efapolo-ro' amby
am' iereo. 25 Boak' ao re nimb'e Karmele añe, le hirik'ao nimpoly mb'e Somerone
añe.

# 3

1 Niorotse nifehe Israele e Somerone ao t'Iehorame ana' i Akabe amy taom-
paha-folo-valo'ambi' Iehosafate, mpanjaka' Iehoday, vaho nifeleke folo-taoñe ro'

amby, 2 nanao haratiañe am-pivazohoa’ IEHOVÀ re fa tsy nanahak’ an-drae’e, tsy
nañirinkiriñe an-drene’e, amy te songa sininto’e o sarem-Baale niranjien-drae’eo.
3 Fe mbe nivontitire’e o tahi’ Iarovame ana’ i Nebateo, ie nampanan-kakeo Israele
fa tsy nadò’e. 4 Mpiarak’ añondry t’i Mesà* mpanjaka’ i Moabe, vaho natolo’e amy
mpanjaka’ Israeley ty vik’ añondry rai-hetse naho ty volon’ añondrilahy rai-hetse.
5 Fe naho fa nihomake t’i Akabe le niola amy mpanjaka’ Israeley ty mpanjaka’ i
Moabe.

6 Niavotse i Somerone t’Iehorame mpanjaka henane zay le vinolili’e iaby t’Israele,
7 vaho nañitrik’ am’ Iehosafate mpanjaka’ Iehoda, ty hoe: Fa niola amako ty
mpanjaka’ i Moabe; hindre lia amako haname i Moabe an-kotakotake v’iheo? Le
hoe re: Hionjomb’ eo, hoe te ihe izaho, hoe ondati’oo ondatikoo, hoe soavala’o o
soavalakoo. 8 Le hoe re, Hiary aia ty hionjonan-tika mb’eo? Le hoe ty natoi’e:
Mb’amy lalañe miranga an-dratraratra’ i Edomey. 9 Aa le nimb’eo i mpanjaka’
Israeley, naho i mpanjaka’ Iehoday, naho ty mpanjaka’ i Edome; fito andro ty niaria’
iareo tsy aman-drano ho a i valobohòkey ndra ho a o hare nañorikeo. 10 Le hoe
ty mpanjaka’ Israele! Hankàñe! toe kinanji’ IEHOVÀ hifanontoñe o mpanjaka telo
retoañe hanolora’e am-pità’ i Moabe. 11 Fe hoe t’Iehosafate: Tsy amam-pitoki’ IEHOVÀ
hao ty atoañe hañontanean-tika am’ IEHOVÀ? Le nanoiñe aze ty raik’ amo mpitoro’
i mpanjaka’ Israeleio, ami’ ty hoe: Atoa t’i Elisà ana’ i Sefate, i mpañilin-drano am-
pità’ i Eliày. 12 Le hoe t’Iehosafate, Ama’e ty tsara’ IEHOVÀ. Aa le nizotso mb’ama’e
mb’eo ty mpanjaka’ Israele naho Iehosafate, naho ty mpanjaka’ i Edome. 13 Le hoe
t’i Elisà amy mpanjaka’ Israeley: Inoñ’ ama’o raho? Akia mb’am-pitokin-drae’o naho
mpitokin-drene’o añe. Le hoe ty mpanjaka’ Israele ama’e: Aiy! fa kinanji’ IEHOVÀ
hifanontoñe o mpanjaka telo retoañe hanolora’e am-pità’ i Moabe. 14 Le hoe t’i Elisà,
Kanao veloñe t’IEHOVÀ’ i Màroy ijohañako, naho tsy nihaoñeko ty fiatrefa’ Iehosafate
mpanjaka’ Iehoday, le toe tsy ho nitoliheko rehe, tsy ho nitreako. 15 Indeso mpititike
raho henaneo. Aa ie nititike i mpititikey le niheo ama’e ty fità’ IEHOVÀ; 16 le hoe re, Hoe
ty natoro’ IEHOVÀ: Tsitsiho talahake ty vavatane toy. 17 Fa hoe ty tsara’ IEHOVÀ: Tsy
hahaonin-tioke nahareo, tsy hahaisak’ orañe, fe ho atsa-drano ty vavatane toy vaho
hitoho-drano, ie naho o añombe naho hare’ areoo. 18 Toe maivañe am-pivazohoa’
IEHOVÀ o raha zao; le hatolo’e am-pità’ areo ka o nte-Moabeo. 19 Ho fofohe’ areo ze
fonga rova aman-kijoly, naho ze hene rova soa, naho ho firae’ areo ze atao hatae soa,
naho songa hazì’ areo ze rano manganahana, vaho sindre hampiantoe’ areo am-bato
ze toetse an-tane soa.

20 Ie maraindray, va’e amy fisoroñañey, le hehe te nihirike Edome ty rano vaho
niatsa-drano i taney. 21 Aa ie jinanji’ o hene nte-Moabeo te nionjomb’eo i mpanjaka
rey hialia’e, le sindre nikanjieñe ze nahafiombe fikalañe naho o zoke’eo vaho
nijohañe añ’efe-tane eo. 22 Aa ie nañampitso te nitroatse, le nimilemiletse amy ranoy
i àndroy, aa naho nioni’ o nte-Moabeo i rano eroy le hoe hamenan-dio; 23 le hoe
iereo: Lio ‘nio: vata’e nifandrapake o mpanjakao, vaho songa nifanjevo an-drañe’e
t’indaty. Antao hikopake ry Moabe. 24 Aa ie nivotrak’ an-tobe’ Israele eo, nitroatse
o nte-Israeleo nandihitse o nte-Moabeo, toly ndra nitriban-day nisitake am’iereo. Le
linafa’ iareo an-kaozarañe ty tane’ i Moabe. 25 Fonga rinotsa’ iareo mañambane
o rovao; le songa ondaty nandretsake ty vato’e amy ze atao tane soa iaby; vaho
natsafeñe; hene zinenje’ iareo ze rano manganahana, sindre finira’ iareo ze hatae
soa; naho tsy i Kir’ karese avao ty nisisa mbe reketse kijoli-vato; aa le niarikoboñe
aze o mpampipiletseo vaho dinemo’ iereo. 26 Ie oni’ i mpanjaka’ i Moabey te loho
nampangirifiry aze i hotakotakey, le rinambe’e t’indaty fiton-jato nahafitarike fibara,
hiboroboñake mb’amy mpanjaka’ i Edomey mb’eo f’ie tsy nahalefe. 27 Rinambe’e

* 3:4 Mesà: entañe; fandrombahañe

amy zao ty tañoloñoloña'e ho nandimbe aze hifehe, vaho nisoroña'e ambone' i kijoliy
ey. Akore amy zao ty fitorifiha' Israele kanao nienga, nimpoly mb'an-tane' iareo añe.

# 4

1 Nitoreo amy Elisà ty rakemba raik' amo tañanjomba' o anam-pitokio, nanao ty
hoe: Nihomake i valiko, mpitoro'oy, le fohi'o te nañeveñe am' IEHOVÀ i mpitoro'oy;
vaho nipok' eo ty mpampisongo hangalake ty ana-dahiko roe hondevo'e. 2 Le hoe t'i
Elisà ama'e: Ino ty hanoeko ho azo? italilio, ino o hanaña'o añ' anjomba'oo. Le hoe
re: Tsy aman-draha añ'anjomba ao ty mpitoro'o ampela naho tsy vatavo menake
raik' avao. 3 Le hoe re: Akia, indramo vatavo amo mpitrao-tanañe ama'o iabio,
vatavo kapaike; le ko mindrañe tsy ampeampe. 4 Mimoaha amy zay vaho agabeño
ama'o naho amy ana-dahi'o rey i lalañey, le adoaño amo vatavo iabio, vaho aviho
ty pea. 5 Aa le nieng' aze re naho narindri'e ama'e naho amo ana'eo i lalañey, le
nandesa' iereo vatavo vaho nañiliña'e. 6 Ie hene nipea o vatavoo, le hoe re amy
ana'ey: endeso vatavo tovo'e. Fa hoe re ama'e: Tsy amam-batavo ka. Aa le nijihetse
i menakey. 7 Nimb'eo re nitalily amy 'ndatin'Añaharey. Le hoe re: Akia, aletaho i
menakey, le ondroho i songoy le miveloma amy sisay, ihe naho i ana-dahi'o rey.
8 Ie te indraik' andro, naho ho niranga i Sonamý t'i Elisà, le teo ty rakemba
mpañarivo; nanjitse aze hikama mofo. Ie amy zao, ndra mbia' mbia niary mb' eo
re le nitsile mb'eo hikama mofo. 9 Le hoe re amy vali'ey: Inao, apotako te ondaty
miavak' aman' Añahare i miary aman-tika nainai'ey. 10 Ehe, antao handranjy efetse
kedek' an-tafo ey naho hasian-tika fandreañe naho latabatse naho seza vaho fitàn-
jiro ty ao ho aze; aa ie miheo mb' aman-tikañ' atoy, le ao ty hiziliha'e. 11 Teo te
indraik' andro, niary eo re nimoak' am-batsa ao le nandre. 12 Le hoe re amy Gekazý,
mpitoro'ey, Kanjio i nte-Sonamiy. Aa le kinanji'e, vaho nijohañe añatrefa'e. 13 Le
hoe re amy mpitoro'ey, Isaontsio ty hoe: Hehe, niatrak' anay rehe amo fañasoañe
iabio; aa le inoñe ty hanoeñe ho azo? ho saontsieñe amy mpanjakay hao, ndra amy
mpifehe i valobohòkeiy? Le hoe ty natoi'e: Mimoneñe am'ondatikoo raho. 14 Le hoe
re, Ino arè ty hanoeñe? le hoe t'i Gekazý: Toe tsy aman' ana-dahy re, vaho fa bey ty
vali'e. 15 Le hoe re, Kanjio. Aa ie nikanjia'e, inge ie nijohañe an-dalam-bey eo. 16 Le
hoe re: Ie mibalike ty taoñe ami'ty andro tinendre toy, le hiotroñe ana-dahy rehe. Le
hoe re: Aiy! ry talèko, ry ondatin' Añahareo, ko mandañitse amo anak'ampata'oo.
17 Fe niareñe i rakembay, nisamak' ana-dahy amy sa zay, ie nibalike ty taoñe, ty amy
saontsi' i Elisà ama'ey.
18 Ie nibey i ajajay, le teo ty andro, t'ie nihitrike mb'aman-drae'e, mb' amo
mpanatakeo mb'eo. 19 Le hoe re aman-drae'e: Ty lohako, ty lohako. Le hoe re
amy mpitoro'ey: Babeo mb' aman-drene'e mb'eo. 20 Le nendese'e naho nasese'e
aman-drene'e; ie nitobok' añ'ongo'e eo am-para' te tsipinde mena vaho nikenkañe.
21 Niañambone mb'eo re vaho nahitsi'e am-pandrea' indatin' Añaharey le narindri'e
i lalañey vaho niakatse. 22 Kinanji'e amy zao i vali'ey nanao ty hoe: Ehe, ahitrifo
amako ty mpitoroñe, naho ty borìke, hihitrifako mb' indatin' Añaharey mb'eo vaho
himpoly. 23 Le hoe re, Ino ty handenà'o añe te anito? tsy pea-bolañe, tsy SABATA. Le
hoe re: Mbe ho soa. 24 Aa le dinia'e i borìke'ey, le hoe re amy mpitoro'ey, Endeso,
mionjona; le ko malaoñe ty amako naho tsy ivolañako. 25 Le nionjomb' am' indatin'
Añahare am-bohi' Karmeley re. Aa ie nahatalake aze indatin' Añaharey te eroy,
le hoe re amy Gekazý, mpitoro'ey: Ingo, eroy i nte-Sonamiy. 26 Ehe mihitrihitrifa
hifanalaka ama'e le añontaneo ty hoe: Jangam-b'iheo? mbe soa hao i vali'oy? mbe
soa hao i ana'oy? le hoe ty navale'e: Mbe soa. 27 Ie pok' amy 'ndatin' Añahare
an-kaboañey, le nifihine'e o fandia'eo. Nimb'eo t'i Gekazý hameve aze; fa hoe
indatin' Añaharey: Apoho, fa mafaitse ama'e ty fiai'e, naho naeta' IEHOVÀ amako;

tsy nitaroña'e. 28 Le hoe re: Nisalala ana-dahy hao raho ry talèko? tsy nanoeko ty
hoe hao: Ko mamañahy ahy? 29 Aa le hoe re amy Gekazý: Midiaña vania, rambeso
am-pità'o i kobaikoy, le akia mb'eo; ie mifanalaka ama'ondaty, ko mañontane; ie
añontaneane, ko manoiñe; le ampandreo an-tarehe' i ajajay i kobaikoy. 30 Hoe ty
rene' i ajajay: Kanao veloñe t'IEHOVÀ, naho veloñe ty fiai'o, tsy hieng' azo raho. Aa
le niongake re nañorik' aze. 31 Niaolo iereo t'i Gekazý, le napo'e an-tarehe' i ajajay i
kobaiñey; fe po-feo naho fitsanoñañe. Nibalik' amy zay re hifanalaka vaho natalili'e
ty hoe: Mboe tsy nisotrake i ajajay. 32 Ie nimoak' añ' anjomba ao t'i Elisà zoe'e
te nivetrake i ajaja nandre am-pandrea'ey. 33 Aa le nizilik' ao re naho narindri'e
am' ie roe i lalañey, vaho nihalaly amy IEHOVÀ. 34 Niongake re naho nandre amy
ajajay, natoho'e am-bava'e ty falie'e; an-taña'e o fità'eo, amo maso'eo o fihaino'eo
naho niatatse ama'e vaho nihamafana ty sandri' i ajajay. 35 Nibalike re, nibelobelo
amy trañoy ao, le nibalike, nihitsy ama'e indraike; nihatsihe im-pito i ajajay vaho
nabolana' i ajajay o maso'eo. 36 Tinoka'e t'i Gekazý ami'ty hoe: Kanjio i nte-Sonamiy.
Le tinoka'e. Aa ie nimoak' ao, hoe re: Intoy o ana'oo. 37 Nizilik' ao re nibabok'
am-pandia'e eo, nidròdreke mb'an-tane naho rinambe'e i ana-dahi'ey vaho niavotse.
38 Ie nibalike mb'e Gilgale mb'eo t'i Elisà; nisalikoeñe i taney; naho nitobok' aolo'e
o anam-pitokio, le hoe re amy mpitoro'ey, Apoho ama'e i valàñe jabajabay le anokono
ahandro o anam-pitokio. 39 Niakatse mb'an-tetek' ey ty raike hitsongo añañe le
naharendreke vahen' ala naho tsinongo'e naho natsafe'e sarevazavozavo i siki'ey,
vaho pinatepate'e am-balañe ao, fe tsy napota'e te inoñe. 40 Aa le naili' iareo hikama'
ondatio. Ie nikama amy natokoñey iereo le nipazake ty hoe, O ondatin' Añahareo,
fikoromahañe ty am-balàñe ao. Le tsy nahafikama ama'e iereo. 41 Aa hoe re, Endeso
atoy i lilañey, le nadoa'e am-balàñe ao zay, le hoe re: Amoaro ondatio hikama, le
tsy nijoy ka ty am-balàñe ao. 42 Pok' eo ka t'indaty boake Baale-salisà*, ninday mofo
boak' amo loha-voao mb'am' indatin' Añaharey, vonga-mofo hordea roapolo; naho
tsako-le an-koro'e ao. Le hoe re anjotso ondatio hikama. 43 Fa hoe i mpitoro'ey, Akore
ty hanjotsoako toy am'ondaty zatoo? Fa hoe re: Anjotsò ondatio hikama, fa hoe ty
nafè' IEHOVÀ: Toe hikama iereo vaho hanisa. 44 Aa le nanjotsoa'e le nikama iereo
vaho nanisa, ty amy tsara' IEHOVÀy.

# 5

1 Ni-ondaty ra'elahy aman-talè'e t'i Naamane*, mpifeleke ty valobohò' i Arame,
nanan-kasy amy te tinolo' IEHOVÀ fandrebahañe ho a i Arame; fanalolahy nahasibeke
ondatio, f'ie niangamae. 2 Teo te niakatse am-pirimboñañe o nte-Arameo naho ninday
ty ajaja ampela an-drohy boak' an-tane' Israele añe, ie ty niatrake ty tañanjomba'
i Naamane. 3 Le hoe re amy rakemba talè'ey, Lonike te tamy mpitoky e Somerone
añey ty talèko, le ho nijangañ' amy haangamae'ey. 4 Aa le nimb'eo re nitalily aman-
talè'e ty hoe: Hoe zao naho ty hoe ty natalili' i anak' ampatañe boak' an-tane'
Israeley. 5 Le hoe ty mpanjaka' i Arame. Akia, henaneo, le hañitrifako taratasy ty
mpanjaka' Israele. Le nienga re ninday talenta volafoty folo naho bogady volamena
eneñ-arivo vaho fiovan-tsaroñe folo. 6 Le nendese'e mb'amy mpanjaka' Israeley añe
i taratasy nanao ty hoe: Ie henaneo, ami'ty fiavi' ty taratasy toy ama'oy, ingo fa
niraheko mb'ama'o t'i Naamane mpitoroko, hañafaha'o i haangamae'ey. 7 Aa ie
namaky i taratasiy i mpanjakay le rinia'e o siki'eo nanao ty hoe, Andrianañahare
v'iraho hahafate naho hahaveloñe, te nirahe' ondatio amako t'indaty toy hañafahañe
ty haangamae ama'e? Aa le isafirio naho oniño t'ie manao lie-drokoñe amako. 8 Aa
ie jinanji' i Elisà, ondatin' Añahare, te nandriatse ty saro'e i mpanjakay, le nirahe'e

* 4:42 Baale-salisà; Tale mamehe telo; * 5:1 Naamane: Tsomerentsere'e; soa vinta

mb'amy mpanjakay ty hoe: Akore ty nandriata'o saroñe? Ampombao mb' amako
mb' etoa hahafohina'e te amam-pitoky t'Israele. 9 Aa le nimb'eo t'i Naamane rekets'
o soavala'eo, naho i sarete'ey, vaho nijohañe an-dala' i Elisà eo. 10 Nañitrifa' i Elisà
ìrake nanao ty hoe: Akia, misasà im-pito am' Iordaney, le ho jangañe ty sandri'o
vaho halio. 11 Fe niavotse mb'eo t'i Naamane, le hoe re amy hatorifi'ey: Inay ie,
nataoko te tsy mete tsy ho niakatse amako, ho nijohañe eo nikanjy ty tahina' IEHOVÀ
Andrianañahare'e, le hañelahela fitañe ambone' i rarey hañafaha'e i haangamaey.
12 Tsy lombolombo' ze hene rano' Israele hao ty Amanà† naho ty Par'pare‡, oñe e
Damesèk' ao? Tsy hamake hisasa ami'ty raik' am' iereo haliovako? Le nitsambolitio'e
fa nitorìtotse. 13 Niharinea' o mpitoro'eo nanao ty hoe. O roaeko, naho nampanoe'
i mpitokiy raha ra'elahy, tsy ho nanoe'o? Àntsake t'ie nanao ty hoe: Misasà, halio?
14 Aa le nizotso mb'eo re nilipotse im-pito am' Iordaney, ty amy saontsi' indatin'
Àñahareiy; le nibalike indraike ho hambañe ami'ty nofon' anak' ajaja ty nofo'e, vaho
nalio, 15 le nibalike mb'am' indatin' Añaharey, ie naho o mpindre-lia ama'e iabio;
nimbeo re nijohañe añatrefa'e, nanao ty hoe: Fohiko henaneo te tsy aman-Añahare
ty tane toy naho tsy e Israele ao avao. Ie amy zao, ehe, andrambeso ravoravo amo
mpitoro'oo. 16 Fa hoe re: Kanao veloñe t'IEHOVÀ ijohañako, zaho tsy handrambe.
Ndra te nosihe'e handrambe, nifoneñe. 17 Le hoe t'i Naamane, Miambane ama'o,
tsy hatolotse amo mpitoro'oo hao ty tane ho entam-borìke roe? Amy te le lia'e tsy
hañenga horoañe ndra hanao soroñe amo 'ndrahare ila'eo o mpitoro'oo henane zao
naho tsy am' IEHOVÀ avao. 18 Fe amo raha zao, ehe, te hapo' IEHOVÀ ty hakeom-
pitoro'o, te ie mimoak' an-kiboho' i Rimone ty talèko hitalaho naho manazok' an-
tañako hibokoboko an-kiboho' i Rimone ao; te hado' IEHOVÀ i tahi' o mpitoro'ooy,
zaho miambane an-kiboho' i Rimone ao. 19 Le hoe re ama'e Akia, an-kanintsiñe.
Aa ie nisitake eroa hoek' eo, 20 le hoe ty natao' i Gekazý mpitoro' i Elisà, indatin'
Añaharey, Inge te napo' i talèko t'i Naamane nte-Arame, ie tsy nandrambe am-pità'e
o nendese'eo. Aa kanao veloñe t'IEHOVÀ, hihitrihitry mb'ama'e raho hangalak' ama'e.
21 Aa le niheañe' i Gekazý t'i Naamane, le ie niisa' i Naamane t'ie nañeañe aze, le
nizotso an-tsarete'e hifañaoñe ama'e, vaho hoe re: manintsiñe hao? 22 Le hoe re, Mbe
soa, fa nañirak' ahy i talèkoy, hinday ty hoe: Inao, pok' amako aniany ty ajalahy roe
anam-pitoky boak' am-bohi' Efraime añe, Ehe, anoloro talenta volafoty naho fiovan-
tsiky roe. 23 Le hoe t'i Naamane, Aa naho tea'o rambeso talenta roe. Le nañosik' aze
vaho nafato'e an-koroñe roe ao ty talenta volafoty roe mitraok' ami'ty fiovan-tsaroñe
roe naho nampipoha'e ami'ty mpitoro'e roe vaho nendese' iareo aolo'e mb'eo. 24 Ie
avy an-tamboho ey, le rinambe'e am-pità' iareo o rahao, naho napo'e añ' anjomba
ao; naho nirahe'e mb' eo indaty rey vaho nienga. Nimoak' ao re nijohañe añatrefa'
i talè'ey. 25 Le hoe t'i Elisà ama'e. Hirik' aia v'iheo Gekazý? Le hoe re: Tsy nimb'
aia o mpitoro'oo. 26 Aa hoe re tama'e: Tsy nindre ama'o hao ty troko, ie nitolik' amy
sarete'ey indatiy hifanalaka ama'o? Andro handrambesan-drala ke handrambesan-
tsikiñe naho tanen' olive naho tanembahe naho añondry naho añombe naho lahilahy
mpitoroñe vaho ampela mpitoroñe hao henaneo? 27 Aa le hipitek' ama'o naho amo
tiri'oo nainai'e ty haangamae' i Naamane. Aa le angamae foty mikatsatsaoke re te
niavota'e.

# 6

1 Hoe o anam-pitokio amy Elisà, Hehe te loho maifitse ama'ay ty findreza'ay
fimoneñe ama'o etoañe. 2 Ehe, angao handenà'ay mb'am'Iordaney mb'eo, songa
hangalake ty boda'e boak' ao handranjia'ay akiba himoneña'ay. Le hoe re, Akia. 3 Le
hoe ty raike, Ee te ho no'o ty hindre-lia amo mpitoro'oo. Le hoe ty natoi'e: Homb'eo

† 5:12 Amanà: rinafetse vato; anjomba ‡ 5:12 Par'pare: sorotombahañe

raho. [4] Aa le nindreza'e. Ie pok'am' Iordaney, le namira hatae. [5] Fe nadebo' ty raike i
boda'ey, le nipitsik' an-drano ao ty lela' i feko'ey vaho hoe re, Hoke, talè, nindrameñe
'nio. [6] Le hoe indatin' Añaharey, aia ty nijoroboña'e? Le natoro'e aze i nipoha'ey.
Aa le nibira hatae kede re nañifik' aze ey, nampitsikafoñe i viñey. [7] Le hoe re ama'e
rambeso. Aa le nahiti'e ty fità'e nandrambe aze.

[8] Nialy amy Israele amy zao ty mpanjaka' i Arame, le nisafiry amo mpitoro'eo,
nanao ty hoe; An-koe naho an-koe ao ty hitobeako. [9] Le nampañitrike mb' amy
mpanjaka' Israeley mb'eo indatin' Añaharey, ty hoe: Asoao rehe tsy hiary an-koe eo,
amy t'ie homba' o nte-Arameo. [10] Aa le nañirak' amy toetse natoro naho nahatahata'
indatin' Añaharey azey vaho nitaòa'e i toetsey, tsy indroe tsy indraike. [11] Aa le
nahatsimboetse ty arofo' i mpanjaka' i Aramey i rahay, le kinoi'e o mpitoro'eo vaho
nanoa'e ty hoe: Tsy hatoro' areo amako hao te ia aman-tika ty mpiamy mpanjaka'
Israeley? [12] Le hoe ty mpitoro'e, Tsie, ry talè mpanjakako; i Elisà, mpitoki' Israeley
ty mitalily amy mpanjaka' Israeley ty entañe saontsie'o añ'efem-pandrea'o ao.

[13] Le hoe re: Akia, rendreho te aia, soa te hampihitrifeko añe ty hangalak' aze.
Le natalily ama'e t'ie e Dotane* ao. [14] Aa le nañiraha'e soavala naho sarete vaho
ty lahialeñe ama'e, nañarikoboñe i rovay te haleñe. [15] Aa ie nitroatse maraindray
ty mpitoro' indatin' Añaharey, naho niavotse, indroy ty valobohòke reketse soavala
naho sarete niarikatoke i rovay. Le hoe i mpitoro'ey ama'e, Hankàñe, ry talèko!
Akore ty hanoen-tika? [16] Le hoe ty natoi'e: Ko hembañe, fa maro ty aman-tika te
am' iereo. [17] Aa le nilolоke t'i Elisà nanao ty hoe: Ry IEHOVÀ, ihalaliako, ampibeaho
o maso'eo hahatrea; le sinoka' IEHOVÀ o maso' i mpitoro'eio le nahaisake te indroy,
nanitsike i vohitsey ty mpiningi-tsoavala naho sareten' afo niarikatok' i Elisà. [18] Aa
ie nizotso mb' ama'e mb'eo o nte-Arameo le nihalaly amy IEHOVÀ t'i Elisà ami'ty hoe:
Ehe lafao hagoa ondatio. Aa le pinao'e ty hafè iereo ty amy saontsi' i Elisày. [19] Le hoe
t'i Elisà am' iereo, Tsy ie ty lalañe toy, tsy ie ka ty rova toy; oriho raho vaho haseseko
mb' amy 'ndaty paiae' areoy. Le kinozozò'e mb'e Somerone mb'eo. [20] Ie amy zao,
naho nivotrake e Somerone ao iereo le nanao ty hoe t'i Elisà. Ry IEHOVÀ, sokafo o
fihaino ondaty retoañeo, hahaisake. Aa le nampibolanahe' IEHOVÀ ty fihaino ondaty
reo, vaho nahaisake te heheke, am-po' i Somerone ao. [21] Le hoe ty mpanjaka' Israele
amy Elisà, ie nioni'e, O aba, ho lafaeko hao? ho zevoñeko ambane hao? [22] Le hoe ty
natoi'e: ko lafae'o. Ho nizevoñe'o hao o nitsepahe'o am-pibara naho fale'oo? Anjotso
mahakama naho rano, hikamà'e, hinoma'e, himpolie' iareo mb' an-talè' iareo añe.
[23] Aa le nihalankañe'e takataka, naho nikama naho ninoñe iereo vaho nirahe'e mb'
aman-talè' iareo añe. Aa le tsy niheo mb' an-tane Israele mb'eo ka o mpirimbon-
dahindefo' i Arameo.

[24] Ie añe, le natonto' i Benhadade mpanjaka' i Arame i valobohò'e iabiy, le
nionjomb'eo namandroñe i Somerone. [25] Nanilofen-kasalikoañe ty Somerone henane
zay; le niarikatoheñe ampara' te naletake volafoty valompolo ty loham-borìke naho
volafoty lime ty tain-deho am-pahèfa' ty kabe†. [26] Nidraidraitse ambone' i kijoliy
ty mpanjaka' Israele, le nitoreo ty hoe ama'e ty rakemba: Rombaho raho talèko,
mpanjaka. [27] Le hoe re, Naho tsy mandrombak' azo t'IEHOVÀ, aia ty hañolorako
azo? he boak' an-toem-pamofohañe, ke boak' am-pipiritan-divay ao? [28] Le hoe ty
mpanjaka ama'e: Ino o mañolañe azoo. Le hoe ty natoi'e: Nanao ty hoe amako ty
rakemba, Atoloro hey i ana-dahi'oy ho hanentika anito le ho hanentika hamaray i
ana-dahikoy. [29] Aa le kinetre'ay i ana-dahikoy naho nihane'ay; le hoe ty asako ama'e
amy loakandroy, Atoloro ka i ana-dahi'oy hihinanan-tikañe; fe naeta'e i ana-dahi'ey.
[30] Ie nahajanjiñe ty enta' i rakembay i mpanjakay le rinia'e o saro'eo, le nitonjohize'e
ty lia'e amy kijoliy, f'ie nandrendrehe' ondatio, heheke te lamba-gony ty an-tsandri'e.

---
* **6:13** Dotane: ty lily; ty lilitse. † **6:25** Kabe: 2 litatse

31 Le hoe re: Ee te hafetsan' Añahare amako naho mandikoatse, naho mbe hipetak'
amy Elisà ana' i Safate ty añambone'e te anito. 32 Fe niambesatse añ'anjomba'e ao t'i
Elisà, naho nitrao-piambesatse ama'e o androanavio; le nañitrike ìrake hiaolo aze
mb'eo i mpanjakay fe mbe tsy pok' eo i nahitrikey, le hoe re amo androanavio:
Oni' areo hao te nañitrife' ty anam-pamono tia ty lohako? Inao, ie pok'eo i irakey,
arindrino i lalañey naho tano mirindriñe ama'e i lalañey; aa tsy mañorik' aze hao
ty fikatseakatseam-pandia' i tompo'ey? 33 Ie mbe nisaontsy am' iereo, le nivotrak'
ama'e i ìrakey nanao ty hoe, Inao, boak' am' IEHOVÀ o hekoheko zao, ino ty mbe
handiñisako IEHOVÀ?

# 7

1 Le hoe t'i Elisà, Mijanjiña ty tsara' IEHOVÀ, Hoe t'IEHOVÀ, Ie manao hoe io te maray
le haletake sekele raik' an-dalambei' i Somerone eo ty kapoan' ampemba mona'e,
vaho sekele raike ty vare hordea kapoake roe. 2 Tinoi' ty mpifehe iatoam-pità' i
mpanjakay amy zao indatin'Añaharey ami'ty hoe: Inao! Ndra te nanoe' IEHOVÀ
tsingarakarake ty andikerañe eñe, aia t'ie ho tendreke? Hoe re, Inay! ho isam-
pihaino'o, fe tsy hikama'o.

3 Teo ty lahilahy angamae efatse am-pimoahan-dalambey eo; ie nifampivesoveso ty
hoe, Ino ty hitobohan-tika etoa am-para' te mate? 4 naho manao ty hoe tika: Antao
hizilik' an-drova: fe ho zoeñe ao i hasalikoañey vaho hivetrak' ao; ie mboe mitoboke
etoa, le hikenkañe ka. Antao arè, hihotrake am-balobohò' o nte-Arameo; he apo'
iereo velon-tika le ho veloñe, ke ho vonoe' iereo, le ho mate avao. 5 Aa le niongake
te nangoañe, nigodañe mb'an-tobe' o nte-Arameo; aa ie pok' añ' olo' i tobey, hehe
t'ie tsy ama' ondaty. 6 Amy te nampijanjiñe' i Talè feon-tsarete o nte-Arameo, naho
ty feon-tsoavala vaho ty fikoraham-balobohòke, le hoe ty nifanalilia' iereo: Inao,
kinarama' i mpanjaka' Israeley haname an-tika o mpanjaka' o nte-Kiteoo, naho o
mpanjaka' o nte-Mitsraimeoo. 7 Aa le niongake iereo nitriban-day te mangararak'
atiñanañe, le nadoke o kiboho'eo naho o soavala'eo naho o borìke'eo, naho nado'
iareo i tobey hoe i teoy avao vaho niherereake mb'eo handrombak'ay. 8 Ie pok'
añ'olo' i tobey i angamae rey, le nizilik' ami'ty kibohotse ao nikama naho ninoñe,
naho nakare' iereo ty volafoty naho ty volamena naho sikiñe, le nenteñe mb'eo
vaho naetake; nimoaha' iareo ty kibohotse raike ka le nangalak' ao naho nente'
iereo vaho naetake. 9 Le hoe ty fifanaontsia' iareo, Tsy soa o anoen-tikañeo; toe
andro fitalilian-tsoa androany, itika mitsiñe avao; aa naho liñisan-tika te manjirike i
àndroy le hiambotraham-pandilovañe; antao arè homb'eo hitalily amo añ'anjomba'
i mpanjakaio. 10 Aa le nimb'eo iereo nitoka o mpitan-dalambeio, nitalily ty hoe;
Nimb' an-toben-te Arame añe zahay, le hehe te leo ondaty tsy ao, po-piarañanaña'
ondaty, fe soavala mirohy naho borìke mirohy, vaho napoke ey avao o kibohotseo.
11 Aa le nikoike o mpitan-dalañeo, nitalily añ' anjomba' i Mpanjakay. 12 Le nitroatse
amy haleñey i mpanjakay nanao ty hoe amo mpitoro'eo, Hatoroko anahareo ty
nanoa' o nte-Arameo aman-tika. Fohi' iareo t'ie kerè; aa le niakara' iereo i tobey
hietak' an-kivok' ao, nikilily ty hoe: Ie miakatse i rovay iereo, le ho tsepahen-
tika veloñe vaho himoak' amy rovay. 13 Aa hoe ty natoi' ty mpitoro'e raike: Ehe,
angao hendeseñe i soavala lime honka'e an-drova atoa rey—ndra t'ie manahake ty
valobohò' Israele sisa ama'e ao; ie ho hambañe amy valobohò' Israele fa nagodrañey
—antao hañirake naho handrendreke. 14 Rinambe' iereo ty sarete roe reketse soavala;
vaho nampihitrife' i mpanjakay hañorike i valobohò' o nte-Arameoy iereo ami'ty hoe:
Akia mandrendreha. 15 Aa le norihe' iereo pak' am' Iordaney añe; le hehe te tsitsike
sikiñe naho haraotse i lalañey, ze naria' o nte-Arameo amy falisa' iareoy. Aa le
nimpoly o niraheñeo nitalily amy mpanjakay. 16 Niavotse mb'eo ondatio, nikopake

ty tobe' o nte-Arameo. Aa le naletake sekele raike ty kapoak' ampemba mona'e,
naho sekele raike ty kapoake vare-hordea roe, ty amy tsara' IEHOVÀy. 17 Tinendre' i
mpanjakay hañambeñe ty lalambey i mpifehe iatoam-pità'ey; f'ie linialia' ondatio an-
dalambey eo, le nivetrake hambañe amy nitokia' indatin' Añahareiy, amy saontsi'e
amy fizotsoa' i mpanjakay mb' ama'e mb'eoy. 18 Aa le nitendreke, hambañe amy
sinaontsi' indatin'Añaharey amy mpanjakaiy ty hoe: Vare-hordea kapoake roe,
sekele raike, le ty kapoake bon' ampemba: sekele raike, ty ho zoeñe an-dalambei'
i Somerone te hamaray manahake henanekeo. 19 Tinoi' i mpifehey ty hoe indatin'
Añaharey: Eo hey; ndra te nanoe' IEHOVÀ tsingaragarake ty andikerañe eñe, tsy ho
nitendreke o raha zao. Le hoe ty navale'e: Inao! ho isam-pihano'o, fe tsy hikama'o.
20 Aa le zay ty nifetsak' ama'e kanao linialia' ondatio an-dalambey eo, vaho nihomake.

# 8

1 Ie amy zao nisaontsy ty hoe amy rakemba amañ-anadahy nampisotrafe'e t'i
Elisà: Miavota, le mañaveloa rekets' o añ'anjomba'oo le mitaveaña amy ze mete
itaveaña'o, fa nikaike san-kerè t'IEHOVÀ; vaho hivotrak' an-tane atoy fito taoñe zay.
2 Aa le niongake i rakembay ty amy saontsi' indatin' Añahareiy vaho nienga rekets' o
añanjomba'eo nitaveañe fito taoñe an-tane' o nte-Pelistio. 3 Ie nimodo i fito taoñey
le nimpoly boak' an-tane' o nte-Pelistio i rakembay; naho nimb'eo hitoreo i anjomba
naho tane'ey amy mpanjakay. 4 Ie amy zao, nisaontsy amy Gekazý mpitoro' indatin'
Añaharey i mpanjakay, ami'ty hoe: Ehe, atalilio amako, ze he'e ra'elahy nanoe' i
Elisà. 5 Natalili'e amy mpanjakay amy zao ty nampihereña'e ho veloñe i nivetrakey,
vaho ingo i rakemba nampisotrafeñe i ana-dahi'eiy, hitoreo i anjomba'e naho i
tane'ey amy mpanjakay. Le hoe t'i Gekazý : O ry talèko mpanjaka, intoy i rakembay,
ingo i ana-dahi'e nampihereñe' i Elisà ho veloñey. 6 Aa ie nañontane i rakembay i
mpanjakay, le nitalilia'e. Aa le tinendre' i mpanjakay ty mpifehe, ami'ty hoe: Hene
ampolio ama'e o niazeo, naho ty voka' i tete'ey sikal' amy andro nienga'e i taney
am-para henane.
7 Nivotrake e Damesèke t'i Elisà, ie nisiloke t'i Benehadade mpanjaka' i Arame,
le natalily ama'e ty hoe: Fa pok' eo indatin'Añaharey. 8 Le hoe i mpanjakay amy
Kazaele*; endeso ravoravo am-pità'o le akia mifañaoña amy 'ndatin'Añaharey, vaho
ampañontaneo aze t'IEHOVÀ, ty hoe: Hibodañe ami' ty areteko toy hao raho? 9 Aa
le nimb'eo t'i Kazaele hifañaoña'e reketse ravoravo am-pita'e naho ze hene raha
soa' i Damesèke, kilankan-drameva efapolo, vaho nimb'eo re nijohañe añatrefa'e,
nanao ty hoe: Nañirak' ahy i ana'o Benehadade mpanjaka' i Aramey hanao ty hoe:
Ho jangañe hao raho amo aretekoo? 10 Le hoe t'i Elisà tama'e, Akia, isaontsio: Toe
hibodan-drehe; fe nitoroa' IEHOVÀ t'ie toe hihomake. 11 Le nampifahara'e fiatreke
aze ty lahara'e am-para' t'ie nisalatse; vaho nirovetse indatin' Añaharey. 12 Le hoe
t'i Kazaele: Ino o iroveta'oo ry talèko? le hoe ty natoi'e: Amy te apotako ty hankàñe
hanoe'o amo ana' Israeleo; ho forototoe'o o rova' iareoo, ho lafae'o am-pibara o
ajalahi'eo, hadasi'o ho demoke o keleia'eo vaho ho riate'o o rakemba mivesatseo.
13 Fa hoe t'i Kazaele: Ino ty mpitoro'o? amboa hao t'ie hanao o halosorañe zao? le
hoe t'i Elisà: Fa natoro' IEHOVÀ amako te ihe ty ho mpanjaka' i Arame. 14 Aa le nienga
i Elisà re, niheo amy talè'ey mb'eo vaho hoe re ama'e: Ino ty asa' i Elisà tama'o? Le
hoe ty natoi'e: Tinaro'e amako t'ie toe hibodañe. 15 Ie te loak' andro, nandrambe
lamba mateveñe, le nalo'e an-drano ao, naho nalama'e an-tarehe'e nametrek' aze
vaho nifehe nandimbe aze t'i Kazaele.
16 Ie tan-taom-paha-lime' Iorame ana' i Akabe mpanjaka' Israele, le niorotse nifehe
t'Iehorame† ana' Iehosafate mpanjaka' Iehodà. 17 Ie niajalahy telopolo taoñe roe

* 8:8 Kazaele: nivazohoe' i Andrianañahare † 8:16 Iehorame: nampionjone' IEHOVÀ

amby te niorotse nifehe; le nifehe valo taoñe e Ierosalaime ao. 18 Nañavelo an-
tsata' o mpanjaka' Israeleo re, manahake ty nanoe' i anjomba' i Akabey; amy te
nitañanjomba'e ty anak' ampela' i Akabe vaho nanao haloloañe am-pivazohoa'
IEHOVÀ. 19 Fe tsy narotsa' IEHOVÀ t'Iehodà, ty amy mpitoro'e Davidey, fa nafè'e ama'e
te hitoroa'e failo hirehetse nainai'e amo tarira'eo. 20 Niola ambanem-pità' Iehodà tañ'
andro'e t'i Edome vaho nañorem-panjaka hifehe iareo. 21 Aa le nitsake mb'e Tsaire‡
mb'eo t'Iorame rekets' o sarete'e iabio; le nitroatse haleñe naho zinevo'e o nte-Edome
niarikoboñe azeo naho o mpifehe sareteo vaho nitriban-day mb' an-kiboho'e mb'eo
ondatio. 22 Fe mbe niola ambanem-pità' Iehoda pak' androany t'i Edome. Niola ka t'i
Libnà§ henane zay. 23 Aa naho o fitoloña' Iorameo naho o raha nanoe'e iabio; tsy fa
sinokitse am-bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Iehodao hao? 24 Nitrao-piròtse aman-
droae'e t'Iorame, le nalentek' aman-droae'e an-drova' i Davide ao; vaho nandimbe
aze ho mpifehe t'i Ahkazià* ana'e.
25 Tamy taom-paha-folo-ro' ambi' Iorame ana' i Akabe mpanjaka' Israeley le
niorotse nifehe t'i Ahkazià ana' Iehorame mpanjaka' Iehodà. 26 Roapolo-ro'amby
taoñe t'i Ahkazià te namototse nifehe; le nifehe rai-taoñe e Ierosalaime ao; Atalià†,
anak' ampela' i Omrý mpanjaka' Israele, ty tahinan-drene'e. 27 Nañavelo an-tsatan'
anjomba' i Akabe re, nanao haloloañe am-pivazohoa' IEHOVÀ, manahake ty nanoe'
i anjomba' i Akabey, amy t'ie vinanton' anjomba' i Akabe. 28 Ie nindre am' Iorame
ana' i Akabe hialy amy Kazaele mpanjaka' i Arame e Ramote-gilade añe; le nahafere
Iorame o nte-Arameo. 29 Nimpoly mb'e Iezreele ao t'Iorame mpanjaka, himelaña'e
amo fere natolo' o nte-Arameo aze e Ramà añeo, ie nialy amy Kazaele mpanjaka' i
Arame. Le nizotso mb'eo hitilike Iehorame ana' i Akabe e Iezreele ao amy hasilo'ey
t'i Ahkazià ana' Iehorame mpanjaka' Iehodà.

# 9

1 Tinoka' i Elisà mpitokiy ty raik' amo anam-pitokio, le hoe re ama'e: Diaño o
toha'oo, le tintino an-taña'o ty paki-menake toy, vaho akia mb'e Ramote-gilade añe.
2 Ihe mivotrak' eo, paiao t'Ieho* ana' Iehosafate, ana' i Nimsý, le mimoaha ao vaho
ampiongaho añivo' o rahalahi'eo, le ampiziliho an-traño, añ'efe'e ao. 3 Rambeso amy
zao i paki-menakey, le adoaño añambone'e eo vaho ano ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ;
fa norizako ho mpanjaka' Israele rehe. Le sokafo i lalañey naho mivoratsaha vaho
ko mihenekeneke. 4 Aa le nihitrike mb'e Ramote-Gilade añe i ajalahy anam-pitokiy.
5 Ie pok'eo, hehe te niambesatse eo o mpifehe' i valobohòkeio; le hoe re; Nafantok'
ama'o raho, ry mpifehe. Le hoe t'Ieho. Ama' ia, amy zahay iaby toa? le hoe re:
Ama'o, ry mpifehe. 6 Aa le niongake re nimoak' añ' anjomba ao, le nadoa'e amy
añ'ambone'ey i menakey, le nanoa'e ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ, Andrianañahare'
Israele; fa norizako ho mpanjaka' ondati' IEHOVÀo rehe, hifeleke Israele. 7 Le ho
zevoñe'o ty anjomba' i Akabe talè'o, hañavahako ty lio' o mpitoroko mpitokio naho
ze hene lio' o mpitoro' IEHOVÀ am-pità' Iizebeleo. 8 Fonga havetrake ty anjomba'
i Akabe naho songa haitoako amy Akabe ze mamany an-kijoly ke t'ie mirohy he
midada e Israele ao. 9 Le hampanahafeko amy anjomba' Iarovame ana' i Nebate
naho ty anjomba' i Baasa ana' i Akiiày ty anjomba' i Akabe. 10 O amboao ty hihinañe
Iizebele an-tete' Iezreele ey le tsy eo ty handeveñe aze. Sinoka'e amy zao i lalañey
le nibotatsake mb'eo.
11 Niavotse mb'amo mpitoro' i talè'eio mb'eo t'Ieho; le hoe ty raik' ama'e; Hene
soa hao? Ino ty nomba' i seretsey ama'o? le hoe re am' iereo: Fohi' areo indatiy
naho i enta'ey. 12 Le hoe iereo: Vande zay; ehe atalilio ama'ay. Le hoe re: Hoe zao

‡ 8:21 Tsaire: kedekedeke; siloke, misotry § 8:22 Libnà: foty; hafotiañe * 8:24 Ahkazià: fitsepahañe; fahaoniñañe IÀ † 8:26 Atalia: ty andro' IEHOVÀ * 9:2 Ieho: Ie t'i Andrianañahare

naho zao ty nisaontsie'e ami'ty hoe; Hoe ty nafè' IEHOVÀ; fa norizako ho mpanjaka'
Israele rehe. 13 Nalisa amy zao, songa nangalake i sarimbo'ey, le nalafi'e ambane'e
eo amy fanongà amboney, vaho pinopò' iereo i antsivay le nanao ty hoe; Mpanjaka
t'Ieho! 14 Aa le kinilili' Ieho ana' Iehosafate, ana' i Nimsý t'Iorame—ie amy zao fa
nañambeñe i Ramote-gilade t'Iorame, naho Israele iaby, ty amy Kazaele mpanjaka'
i Arame 15 fe nimpoly mb'e Iezreele ao t'Iorame hijangaña'e amo fere natolo' o nte-
Arameo aze t'ie nialy amy Kazaele mpanjaka' i Arameio. —Le hoe t'Ieho, Naho zao
ty safiri' areo, le ko apo' areo ndra raike tsy hipoliotse boak' an-drova hañitrike talily
e Iezreele añe.
16 Aa le nijoñ'an-tsarete t'Ieho, nimb' e Iezreele mb'eo; amy te natindry ao t'Iorame;
naho nizotso mb'eo ka t'i Ahkazià mpanjaka' Iehodà hitilike Iorame. 17 Nahatalake
i firimboña' Iehoy ie nigodañe mb'eo ty mpijilo am-pitalakesañ' abo' Iezreele ey,
le hoe re: Mahatrea mpirai-lia raho. Le hoe t'Iorame, Angalao mpiningi-tsoavala
vaho ampihitrifo hifanalaka am' iereo, hanao ty hoe: An-kanintsiñe hao? 18 Aa le
ninigitse an-tsoavala ty hifanalaka am' iereo vaho nanao ty hoe: Hoe i mpanjakay:
an-kanintsim-bao? Le hoe t'Ieho: Hanoe'o ino ze o fañanintsiñe zao? Miotaha
mb' ambohoko ao. Le hoe i mpijiloy; Niheo am' iereo mb'eo i ìrakey fe tsy
mimpoly. 19 Niraheñe an-tsoavala ka ty faharoe, ie pok' ama'e eo le nanao ty
hoe: Hoe i mpanjakay: Am-pañanintsiñe hao? le hoe ty natoi' Ieho: Hanoe'o
ino ze o fañanintsiñe zao? Miotaha mb' ambohoko ao. 20 Le hoe i mpijiloy:
Nifanalaka'e, fe tsy mimpoly; toe manahake ty findesa' Ieho ana' i Nimsý i findesa'ey;
ie mpitrantràñe. 21 Le hoe t'Iorame, Halankaño! Le hinalanka' iereo ty sarete'e: Aa le
niavotse mb'eo t'Iorame mpanjaka' Israele naho i Ahkazià mpanjaka' Iehodà, songa
an-tsarete'e, nionjomb'eo hifanalaka am' Ieho, vaho nisalakaeñe an-tete' i Nabote†
nte-Iezreele ey. 22 Ie amy zao, naho niisa' Iehorame t'Ieho, le nanao ty hoe: an-
kanintsiñe hao, ry Ieho? Le hoe ty natoi'e: Fañanintsiñ' aia? kanao tsifotofoto o
hakarapiloa' Iizebele rene'oo naho o famoreha'eo? 23 Nabali' Iorame i sarete'ey‡
le nitriban-day le nanoe' ty hoe amy Ahkazià, Fitak' ate ry Ahkazià. 24 Fe nabitso'
Ieho an-kaozara'e iaby i fale'ey, naho trinofa'e an-tsakamamovo'e eo t'Iorame naho
nipotitse ami'ty fo'e ao i ana-paley, vaho nitsingoritrìtse an-tsarete'e ao. 25 Le hoe
t'Ieho amy Bidkare§, mpifehe'ey. Endeso, naho avokovokò an-tete' i Nabote nte-
Iezreele ao. Tiahio t'ie nihoridañen-tika t'i Akabe rae'e le hoe ty nitsarae' IEHOVÀ
ty ama'e: 26 Toe nitreako omale ty lio' i Nabote naho ty lio' o ana'eo, hoe t'IEHOVÀ, le
havahako an-tetek' atoy rehe, hoe t'IEHOVÀ. Aa le endeso re avokovokò amy tetekey ty
amy tsara' IEHOVÀ zay. 27 Ie niisa' i Ahkazià mpanjaka' Iehodà le nitsondemboke ty
lay mb' an-dala' i trañon-goloboñey mb'eo, le nañorik' aze t'Ieho, nanao ty hoe:
Tomboho an-tsarete'e ao, ie ka, le nivoa amy fionjonam-be Gore* mb'eo marine'
Ibleame† ey naho niherereake mb'e Megidò‡ mb'eo vaho nihomak'ao. 28 Nitakone'
o mpitoro'eo mb'e Ierosalaime mb'eo vaho nalenteke an-kiborin-droae'e an-drova' i
Davide ao. 29 An-taom-paha-folo-raik' ambi' Iorame ana' i Akabe ty niorota' i Ahkazià
nifehe Iehodà.
30 Ie nivotrake e Iezreele ao t'Ieho, le tsinano' Iizebele; le binatra'e o maso'eo naho
sinatro'e i loha'ey, vaho nitilihitse an-dalan-kede. 31 Aa ie nimoak' an-dalam-bey eo
t'Ieho, le hoe i rakembay: Nampanintsiñañe hao t'i Zimrý§ t'ie namono i talè'ey?
32 Niandra laharañe mb' amy lalan-kedey re nanao ty hoe: Ia ty mpiamako? Ia?
Nitangarike ama'e ty mpiatrake telo ndra roe. 33 Le hoe re : Avokovokò. Aa le
nafetsa' iareo ambane naho nifitse amy rindriñey naho amo soavalao ty lio'e vaho

† 9:21 Nabote: tsara, toky ‡ 9:23 Heb; i fita'ey § 9:25 Bidkare: fere añ'arofo; fanaintai-masioñe * 9:27 Gore: anam-biby † 9:27 Ibleame: ondaty haehae; miketrake ‡ 9:27 Migido(ne): fifamotoañe; voka'e sarotse; § 9:31 Zimrý: sabo, mpisabo; vahe

nilialian-tomboke. 34 Ie nizilik' ao naho nikama naho ninoñe; le hoe re, Ehe henteo i
rakembam-pàtsey, le aleveño; amy t'ie anam-panjaka. 35 Aa ie nimb' eo handeveñe
aze, tsy nanjo naho tsy i haran-doha'ey naho o tombo'eo naho o lela-pità'eo, 36 le
nimpoly iereo nitalily ama'e; le hoe re: Zay ty nitsara' IEHOVÀ nampisaontsie'e i
mpitoro'e Elià nte-Tisbý, ty hoe: An-toe' Iezreele eo ty hihinana' o amboao ty nofo'
Iizebele; 37 vaho ho tay ambone' ty toe' Iezreeele eo ty lolo'e; tsy mone hatao' ty hoe:
Etoa t'Iizebele.

# 10

1 Ie amy zao, nanañ' anake fitom-polo e Somerone ao t'i Akabe. Aa le nanokitse
taratasy t'Ieho vaho nampihitrife'e mb'e Somerone mb'eo, amo mpifehe' Iezreeleo,
naho amo androanavio, vaho amo mpañabey o ana' i Akabeoo, nanao ty hoe: 2 Ie
mivotrak' ama' areo ty taratasy toy, zoeñe te ama' areo o anan-talè' areoo naho
sarete reke-tsoavala naho rova vaho fialiañe; 3 le paiao ty soa mañeva amo anan-
talè' areoo, le ajoño am-piambesan-drae'e eo vaho mialia ho a i anjomban-talè' areoy.
4 F'ie nangebahebake, nifanao ty hoe: Hehe te roe ty mpanjaka tsy nahafiatreatre
aze; akore arè ty hijohañan-tika? 5 Aa le nañitrik' am' Ieho ty talè' i anjombay naho
i bein-drovay naho o androanavio vaho i mpañabey i ajaja reiy, ty hoe; Mpitoro'o
zahay, le hene hanoe'ay ze hatoro'o anay; tsy aman-dahilahy hanoe'ay mpanjaka; aa
le ano ze soa am-pihaino'o. 6 Nanokira'e taratasy fañindroe'e, nanao ty hoe; Aa ie
ho mpiamako vaho mahafitsendreñe ty feoko, le rambeso ty loha' o lahilahin' anan-
talè' areoo vaho mihavia amako e Iezreele atoy hamaray manahake henaneo. O
anam-panjakao amy zao, i fitompolo rey, le tam' ondati-bei' i rovaio amo mpañabey
iareoo. 7 Aa ie pok' am' iereo i taratasiy, le rinambe' iereo i anam-panjaka rey, naho
zinevo' iareo indaty fitompolo rey naho najoñe an-koroñe ao o loha' iareoo vaho
nampihitrifeñe mb'e Iezreele mb'eo. 8 Nandoak' ao amy zao ty ìrake, nitalily ama'e,
ty hoe: Fa nendese' iereo ty loha' o ana-dahi' i mpanjakaio. Le hoe re, Apoho am-
botry roe am-pimoahañe an-dalambey eo pake maraindray. 9 Ie maraindray, niavotse
le nijohañe eo, nanao ty hoe am' ondaty iabio: Votsotse nahareo; Heheke, nikilily amy
talèkoy raho le nanjevoñ' aze; fa ia ka ty nañoho-doza amo retoañeo? 10 Mahafohina
te ndra loli'e tsy hipok' an-tane amy nitsaràe' IEHOVÀ i anjomba' i Akabeiy, fa nanoe'
IEHOVÀ i tsinara'e añamy mpitoro'e Eliàiy. 11 Fonga zinevo' Ieho ze sehanga' ty
anjomba' i Akabe e Iezreele ao, naho ondati-bei'eo naho ze hene longo'e naho o
mpisoro'e iabio, ampara' te tsy aman-konka'e. 12 Niavotse amy zao re nienga mb'eo
vaho nigodañe e Somerone ao. Ie nioza an-trañom-pañitsifam-bolon' añondry an-
dalañe ey, 13 le nifanampe aman-drolongo' i Ahkazià, mpanjaka' Iehoda, naho nanao
ty hoe; Ia v'inahareoo? vaho hoe ty natoi' iareo: Longo' i Ahkazià zahay, mizotso
mb'eo hifañontane amo anam-panjakao naho amo ana' i mpanjaka-ampelaio. 14 Le
hoe re: Itsepaho veloñe. Aa le rinambe veloñe vaho zinevo' iereo an-kobo' i trañom-
pihitsifañey t'indaty efa-polo-ro' amby; le tsy napo'e sehanga'e.

15 Ie nienga ao, le tendreke Iehonadabe* ana' i Rekabe, ie nimb' eo hifanalaka
ama'e; le nañontanea'e ty hoe: Mazava hao ty arofo'o manahake ty troko amo
arofo'oo? Eka, hoe ty natoi' Iehonadabe. Aa naho zay, atoloro ahy o fità'oo. Le
nahiti'e ama'e i fità'ey vaho rinambe'e amy sarete'ey. 16 Le hoe re: Mindreza amako,
hahaisaha'o ty fahimbañako am' IEHOVÀ. Aa le najo'e an-tsarete'e ao. 17 Ie nivotrake e
Somerone le fonga linihi'e ze nisisa' i Akabe e Somerone ao, ampara' te nimongore'e,
ty amy tsara' IEHOVÀ nitsarae'e amy Eliày. 18 Hene natonto' Ieho amy zao ondatio le
nanoe'e ty hoe; Nitoroñe i Baale tsy ampeampe t'i Akabe; fa hitoroñe aze fatratse
ka t'Ieho. 19 Aa le koiho iaby o mpitoki' i Baaleo, ze hene mpitalaho ama'e, o fonga

* **10:15** Iehonadabe Iondadabe: matarike Iir 35:8

mpisoro’eo, le ko apo’o ndra raike; fa hanao sorom-bey amy Baale raho, tsy ho veloñe
ze tsy eo. Fe am-pamañahiañe ty nanoe’ Ieho i hoe zay hanjamana’e o mpitalaho
amy Baaleo. [20] Le hoe t’Ieho: Añefero fivory miambake amy Baale. Le kinoi’ iereo.
[21] Aa le nañitrik’ am-panitsihañe Israele t’Ieho; le nimb’eo iaby o mpitalaho amy
Baaleo, ampara’ t’ie fonga niavy tsy poke raike. Ie nimoak’ an-tsokemitraha’ i Baaley
le ninitse sikal’ am-pata’e pak’an-tondohà’e i anjomba’ i Baaley. [22] Le hoe re amy
mpamandroñe saroñey, Añakaro sikiñe iaby o mpitalaho amy Baaleo. Le sindre
nañakara’e saroñe. [23] Nimoak’ añ’anjomba’ i Baaley t’Iohabe rekets’ Iehonadabe
ana’ i Rekabe; le hoe re amo mpitalaho amy Baaleo; Paiavo, le rendreho tsy ho zoeñe
ama’ areo ao ndra raik’ amo mpitoro’ IEHOVÀ fa mpitoro’ i Baale avao. [24] Aa le
nimb’ ao iereo hañenga naho hisoroñe. Ie amy zao fa nanendre ondaty valompolo
alafe’e ao, ami’ty hoe: Naho mipolititse ty raik’ am’ ondaty hatoloko am-pità’ areoo
le ty fiai’ i nañaha azey ty hisolo ty fiai’e. [25] Aa ie vata’e nigadoñe i fisoroñañey,
le hoe t’Ieho amo mpañambeñeo naho amo mpifeheo. Mimoaha, le zevòño; ko
apo’ areo hiakatse, leo raike. Aa le zinevo’ iereo an-delam-pibara; le navokovoko’
o mpañambeñeo naho o mpifeheo alafe’e ao vaho nizilik’ añate’ ty efe’ i Baale ao.
[26] Nakare’ iereo o hazomanga añ’ anjomba’ i Baaleo, le niforototoeñe. [27] Nakoroma’
iereo i hazomanga’ i Baaley naho narotsa’ iereo i anjomba’ i Baaley vaho nanoe’
iereo fieveñañe am-para’ henanekeo. [28] Zay ty namongora’ Ieho i Baale am’ Israele.
[29] Fe, tsy napo’ Ieho ty hakeo’ Iarovame ana’ i Nebate, i nampanan-tahiñe Israele
amy bania volamena e Betele naho e Dane ao rey. [30] Le hoe t’IEHOVÀ am’Ieho, Ami’ty
hasoa nanoe’o a masoko amy nitoloña’o amy anjomba’ i Akabeiy, ie hene nanoe’o
ze tan-troko, le hiambesatse amy fiambesa’ Israeley o ana’oo am-para’ty tariratse
fah’efatse. [31] Fe tsy nihaoñe’ Ieho añ’ àmpon’arofo ty fañaveloa’e amy Tsara’ IEHOVÀ
Andriananañahare’ Israeley, vaho tsy nisitaha’e o hakeo’ Iarovame nampanan-tahiñe
Israeleo.
[32] Niorotse nampitomotse Israele t’IEHOVÀ; le linafa’ i Kazaele o añ’olon-tane’
Israeleo iabio; [33] boak’ am’ Iordaney maniñanañe, i tanen-Gilade iabiy, o nte-Gadeo,
naho o nte Reobeneo, vaho o nte-Menasèo, boak’ amy Aroere, añ’ ilam-bavatane’
Arnone eo le i Gilade naho i Basane. [34] Aa naho o fitoloña’ Ieho ila’eo naho ze
he’e nanoe’e, i haozara’e iabiy, tsy fa sinokitse am-bokem-pamoliliañe o mpanjaka’
Israeleo hao? [35] Nitrao-piròtse aman-droa’e t’Ieho, ie nalente’ iareo e Somerone ao.
Nandimbe aze nifehe t’Iehoakaze† ana’e. [36] Roapolo-valo’ amby taoñe ty nifehea’
Ieho Israele e Somerone ao.

# 11

[1] Ie nirendre’ i Atalià, rene’ i Ahkazià te nivetrake i ana-dahi’ey, le niongake,
nanjamañe ze hene tabirim-panjaka. [2] Fe rinambe’ Iehosebae* anak’ ampela’ Iorame
mpanjaka, rahavave’ i Ahkazià, t’Ioase†, ana’ i Ahkazià, naho kinizo’e amo anam-
panjaka zinamañeo, vaho naeta’e tsy ho trea’ i Atalià, ie rekets’ i mpiatra’ey, an-
trañom-pandreañe ao, le tsy vinono. [3] Enen-taoñe t’ie nietake nindre ama’e añ’
anjomba’ IEHOVÀ ao, ie nimpanjàka-ampela’ i taney t’i Atalià. [4] Aa naho tsatoke
i taom-paha-fitoy, le nampihitrike t’Iehoiada‡, rinambe’e o mpifehe zatoo naho o
mpifelekeo naho o mpañambeñeo, naho nampihovae’e añ’ anjomba’ IEHOVÀ naho
nifañina’e naho nampifanta’e añ’ anjomba’ IEHOVÀ ao vaho natoro’e iareo i anam-
panjakay. [5] Le linili’e ty hoe: Zao ty hanoe’ areo, ty am-paha-telo’ areo, o himoak’ ao
amy SABATAio, ro hañambeñe ty anjomba’ i mpanjakaio— [6] le nanoeñe an-dalambei’

† **10:35** Iehoakaze: fanaña’ IEHOVÀ; * **11:2** Iehosebae: hahenefa’ IEHOVÀ, nifanta’e † **11:2** Ioase: mamoe’aiñe, mamorototo ‡ **11:4** Iehoiada: arofoana’ IEHOVÀ

i Sore§ eo ty faharoe'e, naho ty faha-telo'e tan-dalambey amboho' o mpigaritseo ao—
higaritse i anjombay ho mpanebañe. 7 Le ty ila'e roe amo hiavotse amy Sabotsey
iabio ty hañambeñe i anjomba' Iehovày hañaro i mpanjakay. 8 Hañarikatoke i
mpanjakay nahareo, songa amam-pialiañe am-pità'e, le zevòño ze mimoak' amy
fiariariañey; naho mindreza amy mpanjakay am-piavota'e vaho am-piziliha'e. 9 Aa
le hene nanoe' o mpifehe zatoo i nandilia' Iehoiada, mpisoroñey; songa nandrambe
ondati'eo, o hizilike amy Sabataio naho o hiavotse boak'ao amy Sabotseio vaho niheo
am' Iehoiadà mpisoroñe mb'eo. 10 Le natolo' i mpisoroñey amo mpifehe-zatoo o
lefoñe naho fikala' i Davideo, o tañ' anjomba' Iehovào. 11 Aa le songa nijohañe eo o
mpañambeñeo reke-pialiañe am-pità'e, boak' ankavia' i anjombay pak' ankavana' i
anjombay, niari' i kitreliy naho i kivohoy, nañarikatoke i mpanjakay. 12 Nampiavote'e
amy zao i anam-panjakay, le naombe'e ama'e i sabakam-panjakay, naho natolots' aze
ty boke Hake, naho nanoe' iereo mpanjaka, naho noriza' iareo, vaho niteha-pitàñe
nanao ty hoe: Mahaveloñe ry mpanjaka.
13 Ie jinanji' i Atalià ty fañenotsatsaha' o mpañambeñeo naho ondatio, le nimb'
am' ondaty añ' anjomba' Iehovào. 14 Naheo'e te intike nijohañe marine' i fahañey
i mpanjakay ty amy lilitsey; le niariseho' i mpanjakay o mpifeheo naho o mpitan-
trompetrao, naho fonga nirebeke ondati' i taneio vaho nampipopò trompetra. Aa le
rinia' i Atalià o saro'eo, nikoaike ty hoe: Kilily! Kinia! 15 Le linili' Iehoiadà mpisoroñe
o mpifehe-zatoo, o mpifelek' i valobohòkeio, ami'ty hoe: Akaro alafe' o miriritseo
vaho lihiro am-pibara ze mañorik' aze. (Ami'ty saontsi' i mpisoroñey nanao ty hoe:
Ehe t'ie tsy havetrak' añ'anjomba' Iehovà.) 16 Tsinepa' iareo am-pitàñe le ie pok'
am-pimoahan-tsoavala añ' anjombam-panjaka, le zinevoñ' eo re.
17 Le nanao fañina añivo' Iehovà naho i mpanjakay naho ondatio t'Iehoiadà,
t'ie fonga hondati' Iehovà; vaho añivo' i mpanjakay naho ondatio. 18 Nimb' añ'
anjomba' i Baale mb'eo ze hene ondati' i taney nandrotsake naho nandorodemoke o
kitreli'eo naho o sare'eo, vaho zinevo' iereo t'i Matane* mpisoro' i Baale añatrefa' o
kitrelio. Le nanendre mpifehen' anjomba' Iehovà i mpisoroñey. 19 Rinambe'e amy
zao o mpifehe-zatoo naho o mpifeleke mpañambeñeo naho ondati' i taney iabio, le
nazotso' iareo boak' añ'anjomba' Iehovà i mpanjakay naho niary mb' an-dalambeim-
pigaritse mb' añ' anjomba' i mpanjakay mb'eo. Le niambesara'e i fiambesam-
panjakay. 20 Nirebeke iaby ondati' i taneio naho nitofa i rovay ie fa zinevo' iereo
am-pibara t'i Atalià añ' anjombam-panjaka ao.

# 12

1 Fito taoñe t'Iehoase te niorotse nifehe. 2 Tan-taom-paha-fitom-pifehea' Ieho ty
namotora' Iehoase nifehe, le nifehe efa-polo taoñe e Ierosalaime ao. I Zibiàe* nte
Beereseba ty tahinan-drene'e. 3 Le nanao ty havantañañe am-pivazohoa' Iehovà
t'Iehoase amo hene andro nañanara' Iehoiada mpisoroñe azeo. 4 Fe mbe tsy
nafahañe o toets-aboo; nitolom-pisoroñe naho nañembok' an-kaboañe ey avao
ondatio.
5 Hoe t'Iehoase amo mpisoroñeo : Ze drala' o raha miavake nengaeñeo, o mimoak'
añ' anjomba' Iehovào, i vili-lohay, i drala mañeva ondaty kiraikiraikey, vaho ze drala
entoen' arofo' ondaty hendese'e mb' añ' anjomba' Iehovà mb'eo, 6 le hendesa' o
mpisoroñeo, songa ondaty boak' amy nibanabana ama'ey, hamboareñe o vaky amy
anjombaio, ndra aia' aia ty aharendrehañe te vaky. 7 Fe amy taom-paha roapolo-
telo' ambi' Iehoase mpanjakay le mbe tsy namboare' o mpisoroñeo avao o vaky amy
anjombaio. 8 Aa le kinanji' Iehoase t'Iehoiada mpisoroñe naho o mpisoroñeo, le

§ **11:6** Sore: misitake ndra mienga; miola * **11:18** Matane: ravoravo; orañe * **12:2** Zibiàe: ose

nanoa’e ty hoe: Manao akore te tsy namboare’ areo o vaky amy anjombaio? Aa le
ko rambese’ areo i vola’ o mibanabana ama’ areooy, fa atoloro ho amo vaky añ’
anjombao. 9 Aa le niantofa’ o mpisoroñeo ty tsy handrambe drala am’ ondatio, vaho
tsy hanandily amy fañamboareñe o vaky amy anjombaio ka. 10 Rinambe’ Iehoiada,
mpisoroñe, ty vata le namosera’e hirik’ an-tako’e eo, vaho napo’e marine i kitreliy,
añ’ila havana’ ty fimoahañe añ’ anjomba’ Iehovà ey; le nagorogoda’ o mpisoroñe
mpañambeñe i lalañeio ze hene drala nasese mb’añ’ anjomba’ Iehovà mb’eo. 11 Ie
zoe’ iereo te maro ty drala am-po’ i vata añ’ anjomba’ Iehovày, le nionjomb’eo
ty mpitan-tsokim-panjaka naho ty mpisorom-bey nañiake i volay, vaho nandrohy
aze an-kòntrañe ao. 12 Natolo’ iereo am-pità’ o nanao i fitoloñañeio naho amo
mpanandily añ’anjomba’ Iehovào i vola linanjay; le nikaramae’ iareo o mpandranjio,
naho o mpamboatse nitoloñe amy anjomba’ Iehovàio; 13 naho o masò naho mpipèke
vatoo naho nikaloañe hatae naho vato hinaly hanosohañe o vaky añ’ anjomba’
Iehovào, vaho ze he’e sinafiry hañamboareñe i anjombay. 14 Fe tsy nitsene fitovy
volafoty ndra fampikipehañe ndra sajoa ndra trompetra ndra fanake inoñ’ inoñe
volamena ndra fanake volafoty ho a i anjomba’ Iehovày i drala najoñ’ añ’anjomba’
Iehovày, 15 fa natolo’ iareo amo nanao i fitoloñañeio, handranjy i anjomba’ Iehovày.
16 Mbore tsy nifamolily am’ondaty nanolorañe i drala am-pitàñe hañaramañe o
nifanehakeoy; amy t’ie nitoloñ’ an-dili-po. 17 Tsy nasese añ’ anjomba’ Iehovà o
dralan’ engan-kakeo naho engan-dilatseo, amy t’ie fanaña’ o mpisoroñeo.
18 Nionjomb’eo amy zao t’i Kazaele mpanjaka’ i Arame, nialy amy Gate, naho
tinava’e; vaho natoli’ i Kazele mb’e Ierosalaime ty lahara’e. 19 Le rinambe’
Iehoase mpanjaka’ Iehoda o raha miavake iaby nengae’ Iehosafate naho Iehorame
naho i Ahkazià, roae’e, mpanjaka’ Iehodao naho o raha nengae’eo vaho ze
volamena iaby nizoeñe am-pañajan-drala añ’ anjomba’ Iehovà naho añ’ anjomba’
i mpanjakay, vaho nampihitrife’e mb’ amy Kazaele mpanjaka’ i Arame mb’eo; le
napo’e t’Ierosalaime. 20 Ty fitoloña’ Ioase ila’e, o tolon-draha’e iabio, tsy fa sinokitse
am-bokem-pamoliliañe o mpanjaka’ Iehodao hao? 21 Niongak’ amy zao o mpitoro’eo;
nikinia, vaho zinevo’ iereo t’Iehoase e Bete-milò†, amy fizotsoañe mb’e Silà‡ mb’
eoy. 22 Iozakare§, ana’ i Simeate* naho Iehozabade† ana’ i Somere‡, mpitoro’e, ty
nañoho-doza ama’e, le nihomake vaho nalentek’ aman-droae’e an-drova’ i Davide
ao; le nandimbe aze nifehe t’i Amatsià§ ana’e.

# 13

1 Amy taom-paha-roapolo-telo’ ambi’ Iehoase ana’ i Ahkazià, mpanjaka’ Iehoday,
ty namotora’ Iehoakaze* ana’ Ieho nifeleke Israele e Somerone ao vaho nifeleke
folo-taoñe fito’amby, 2 nanao haratiañe am-pivazohoa’ Iehovà, nañorike o hakeo’
Iarovame ana’ i Nebate nampanaña’e tahiñe Israeleo—tsy niviha’e. 3 Le nisolebotse
am’ Israele ty haviñera’ Iehovà, tolin-dra nainai’e nasese’e am-pità’ i Kazaele
mpanjaka’ i Arame naho am-pità’ i Benehadade ana’ i Kazaele. 4 Aa le nitoreo am’
Iehovà t’Iehoakaze vaho hinao’ Iehovà; amy te nivazohoe’e ty famorekekeañe Israele
naho ty fanindria’ i mpanjaka’ i Aramey— 5 Le nitolora’ Iehovà mpandrombake,
naho nivotsotse ambanem-pità’ o nte-Arameo; vaho nimoneñe an-kibohotse indraike
o ana’ Israeleo, manahake te taolo. 6 Fe tsy napo’ iareo o tahin’ anjomba’ Iarovameo,
o nampanañan-kakeo Israeleo, te mone nañaveloa’ iareo, ie nitambatse e Somerone
ao i hazomangay. 7 Tsy nenga’e ondaty ka t’Iehoakaze naho tsy mpiningi-tsoavala

† 12:21 Bete-milò: kivohon-toem-pimoneñañe ‡ 12:21 Silà: an-damoke § 12:22 Iozakare: manan’enga
* 12:22 Simeate: mahajanjiñe naho mañaoñe; † 12:22 Iehozabade: enga’ i Talè; manan-enga ‡ 12:22
Somere: mpamandroñe; forompotse § 12:22 Amatsià: haozara’ i Talè * 13:1 Iehoakaze: fanaña’ i Talè

limampolo naho sarete folo vaho lahindefo rai-ale, amy te zinama' i mpanjaka' i
Aramey iereo le nanoe'e hoe debok' am-pamofohañe eo. 8 Aa ty ila' o fitoloña'
Iehoakazeo, o fifanehafa'e iabio naho o haozara'eo, tsy fa sinokitse amy bokem-
pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao? 9 Nirotse aman-droae'e t'Iehoakaze, le
nalenteke e Somerone ao, vaho nandimbe aze am-pifeheañe t'Iehoase† ana'e.
10 Amy taom-paha-telopolo-fito' ambi' Ioase mpanjaka' Iehoday ty niorota' Iehoase
ana' Iehoakaze nifehe e Israele e Somerone ao, le nifeleha'e folo-tao-eneñ' amby.
11 Nanao raty am-pivazohoa' IEHOVÀ re, le tsy nenga'e ze fonga hakeo' Iarovame ana'
i Nebate nampanaña'e tahiñe Israele, te mone nañaveloa'e. 12 Ie amy zao ty ila' o
fitoloña' Iehoaseo naho o fifanehafa'e iabio, naho o haozarañe nialia'e amy Amazià
mpanjaka' Iehodao, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy
hao? 13 Nirotse aman-droae'e ao t'Iehoase; le niambesatse am-piambesa'e t'Iarovame
vaho nalenteke e Somerone ao t'Iehoase mindre amo mpanjaka' Israeleo. 14 Ie amy
zao natindri' ty hasilofañe hampivetrak'aze t'i Elisà; le nizotso mb' ama'e mb'eo
t'Iehoase mpanjaka' Israele, nirovetse aze ami'ty hoe: Ry raeko, ry raeko, o sarete'
Israele naho o mpiningi'eo! 15 le hoe ty Elisà ama'e, Andrambeso fale naho ana-pale;
vaho nandesa'e fale aman' ana-pale. 16 Le hoe re amy mpanjaka' Israeley, Asampezo
amo faleo ty fità'o, le nasampe'e ama'e eo i fità'ey. Le nasampe' i Elisà am-pità' i
mpanjakay ty fità'e. 17 Le hoe re, Sokafo i lalan-kede atiñanañey; le sinoka'e. Le
hoe t'i Elisà. Ahiririño, le nahiriri'e. Le hoe re: Ty ana-palem-pamotsora' IEHOVÀ, ty
ana-palem-pandreketañe i Arame; fa hanjevo o nte-Arameo e Afekeo rehe ampara'
te fongore'o. 18 Aa le hoe re : Rambeso o ana-paleo; le rinambe'e. Le hoe re amy
mpanjaka' Israeley: Fofoho o taneo; le finofo'e in-telo vaho nijihetse. 19 Niviñera'
indatin' Añaharey naho nanoa'e ty hoe : Akore te tsy finofo'o in-eneñe ndra in-dime;
soa te ho linafa'o ampara te nimongotse t'i Arame; ie henaneo ho lafae'o intelo avao
t'i Arame.
20 Nihomake t'i Elisà, le nalenteke. Ie henane zay, mpaname i taney boa-taoñe o
firimboña' i Moabeo. 21 Teo t'ie nandeveñe ondaty, le nitalakeseñe ty mpifañoso-
malaso; naho nafetsa' iereo an-dona' i Elisà ao i loloy; ie vaho nioza amo taola' i
Elisào i loloy le nisotrake vaho nijohañe am-pandia.
22 Finorekeke' i Kazaele amy ze hene andro' Iehoakaze t'Israele. 23 Fe niferenaiña'
IEHOVÀ naho nitretreze'e naho nihaoñe'e ty amy fañina'e amy Avrahame naho Ietsake
vaho Iakobey le tsy ninò'e ty hamongotse ndra ty hañifike iareo boak' am-piatrefa'e
heike. 24 Nihomak' amy zao t'i Kazaele mpanjaka' i Arame; le nandimbe aze nifehe
t'i Benehadade ana'e. 25 Rinambe' Iehoase ana' Iehoakaze indraike boak' am-pità' i
Benehadade ana' i Kazaele o rova tinava'e an' aly am-pità' Iehoakaze rae'eo. In-telo
ty nandafa' Ioase aze vaho rinambe'e indraike o rova' Israeleo.

# 14

1 Amy taom-paha-roe' Iehoase, ana' Iehoakaze mpanjaka' Israeley, ty niorota' i
Amatsià ana' Ioase mpanjaka' Iehodà nifehe. 2 Roapolo taoñe lime amby re te
niorotse nifehe, le nifeleke roapolo taoñe sive amby e Ierosalaime ao. Iehoadinee
nte-Ierosalaime, ty tahinan-drene'e. 3 Nanao ty hiti'e am-pivazohoa' IEHOVÀ re, fe
tsy nanahake i Davide rae'e fa hambañe an-tsatan-drae'e Ioase ty fitoloña'e. 4 Mboe
tsy nafaha'e añe o toets' aboo, mbe nanao soroñe naho nañoro tsotse amo toets-
aboo avao ondatio. 5 Ie vaho nioreñe am-pità'e i fifeheañey le zinevo'e i mpitoroñe
nañoho-doza aman-drae'e mpanjaka rey; 6 fe tsy vinono'e o ana' i mpamono reio ty
amy sinokitse amy boke Hà' i Mosey, ie nandilia' IEHOVÀy ty hoe: Tsy ho vonoeñe
ty amo ana'eo o roaeo, naho tsy ho vonoeñe ty aman-droae'e o anakeo; fa sindre i

† **13:9** Ioase: Iehoase: mamoy ay, miforoforo

hakeo'ey ty hamonoañe ondaty. 7 Nizevoña'e ty rai-ale' i Edome am-bavatanen-tsira
ao, le tinava'e añ'aly ty Selà*, ze natao'e ty hoe Ioktile† ampara henane.

8 Nampihitrike ìrak' amy Iehoase ana' Iehoakaze, ana' Ieho, mpanjaka' Israele
t'i Amatsià nanao ty hoe: Antao hifañisa-daharañe. 9 Aa le nampañitrik' amy
Amatsià mpanjaka' Iehoda t'Iehoase mpanjaka' Israele, ty hoe: Nampisangitrife' i
hisatse e Lebanone añey amy mendoraveñe e Lebanone añe ty hoe: Atoloro amy
ana-dahikoy i anak' ampela'oy ho vali'e; vaho niary eo o biby hako' i Lebanoneo
nandialia i hisatsey. 10 Toe zinevo'o ty Edome vaho nampitoabotse azo ty arofo'o;
isengeo, fe mitoboha añ'akiba'o ao. Ino ty hitoloña'o ty raty hikorovoha'o, ihe naho
Iehoda rekets' ama'o? 11 Fe tsy nañaoñe t'i Amatsià. Aa le nionjomb'eo t'Iehoase
mpanjaka' Israele, le nifañisa-daharañe amy Amatsià e Betesemese e Iehoda ao.
12 Fe nikorovok' añ' atrefa' Israele t'Iehoda vaho songa nitriban-day mb'an-kiboho'e
mb'eo. 13 Mbore tsinepa' Iehoase mpanjaka' Israele t'i Amatsià mpanjaka' Iehoda,
ana' Iehoase, ana' i Ahatsià, e Betesemese le nimb'e Ierosalaime mb'eo vaho rinotsa'e
i kijoli' Ierosalaimey boak' an-dalambei' i Efraime pak' an-dalambein-kotsoke eo, efa-
jato kiho. 14 Le rinambe'e iaby ze volamena naho volafoty naho fànake nizoeñe añ'
anjomba' IEHOVÀ naho amy fañajàm-bara añ' anjomba' i mpanjakaiy naho o ana-
dahi'eo ho àntoke vaho nimpoly mb'e Somerone mb'eo. 15 Aa naho o fitoloña' Iehoase
ila'eo, o fifanehafa'eo, ty haozara'e naho ty fialia'e amy Amatsià, mpanjaka' Iehoda,
tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao? 16 Nitrao-piròtse
aman-droae'e t'Iehoase, le nalenteke e Somerone ao mindre amo mpanjaka' Israeleo;
le nandimbe aze nifehe t'Iarovame ana'e.

17 Mbe niveloñe folo taoñe lime amby nanonjohy ty fihomaha' Iehoase ana'
Iehoakaze, mpanjaka' Israele t'i Amatsià ana' Ioase, mpanjaka' Iehoda. 18 Le ty
ila' o fitoloña' i Amatsiào, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka'
Iehodaoy hao? 19 Nikililien-dre e Ierosalaime ao le nipolititse mb'e Lakise‡ añe;
f'ie nampañitrifeñe e Lakise añe vaho zinevo ao. 20 Nendese' iereo an-tsoavala,
le nalenteke e Ierosalaime aman-droae'e, an-drova' i Davide ao. 21 Rinambe' ze
hene ondati' Iehoda t'i Azarià§ ie nifolo-taoñ' eneñ' amby, ho mpanjaka handimbe i
Amatsià rae'e. 22 Namboare'e t'i Elate naho nahere'e am'Iehoda vaho nirotse aman-
droae'e ao i mpanjakay.

23 Ie amy taom-paha folo-lime ambi' i Amatsià ana' Ioase mpanjaka' Iehodà le
niorotse nifehe e Somerone ao t'Iarovame ana' Ioase mpanjaka' Israele vaho nifeleke
efa-polo taoñe raik' amby. 24 Fe nanao haratiañe ampivazohoa' IEHOVÀ, tsy nisitaha'e
o fonga hakeo Iarovame ana' i Nebate, nampanaña'e tahiñe Israeleo. 25 Nahere'e
ty efe-tane' Israele boak' amy fimoahañe e Kamatey* pak'an-dria' i Arabày† ty
amy tsara' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, nitsarae'e am-pità' Ionà‡ mpitoro'e,
ana' i Amitay§, mpitoky, nte-Gatakeferey*. 26 Amy te nivazoho' IEHOVÀ ty hasotria'
Israele, t'ie vata'e nafaitse; fa tsy eo ty nagabeñe ndra ty nadoñe hidada, ndra
iaia ty hañolotse Israele; 27 le tsy tsinara' IEHOVÀ ty hamaopaohañe ty tahina'
Israele ambanen-dikerañe ao; f'ie rinomba'e am-pità' Iarovame, ana' Ioase. 28 Aa
naho o fitoloña' Iarovame ila'eo, ze he'e nanoe'e, naho i haozara'ey, o fialia'eo
naho ty nampibaliha'e am' Iehodà ho a Israele t'i Damesèke vaho i Kamate; tsy
fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao? 29 Nirotse aman-
droae'e mpanjaka' Israeleo t'Iarovame, vaho nandimbe aze nifehe t'i Zekarià†, ana'e.

---

* **14:7** Sela: vato † **14:7** Ioktile: nambanean'Añahare ‡ **14:19** lakise: tsy tongereñe § **14:21** Azaria: olora' i Talè * **14:25** Kamate: Rova fatratse † **14:25** Arabà: (liolio): forototo ‡ **14:25** Ionà: Deho § **14:25** Amitay: to * **14:25** Gata-kefere: fampipiritañe ampongabe.. † **14:29** Zekaria: naho Zakaria: fitiahiañe i Talè

# 15

1 Amy taom-paha roapolo-fito' ambi' Iarovame mpanjaka' Israeley, ty niorota' i
Azarià* ana' i Amatsià mpanjaka' Iehodà nifehe. 2 Ni-folo-taoñ'eneñ' amby re te
niorotse nifeleke, le nifehe limampolo taoñe ro' amby e Ierosalaime ao; Iekoliae†
nte-Ierosalaime, ty tahinan-drene'e. 3 Nitolon-kavantañañe am-pivazohoa' IEHOVÀ re,
hambañe amo hene fitoloñan-drae'e Amatsiào. 4 Fe mboe tsy nafahañe o toets' aboo;
nitolom-panao soroñe naho nañoro tsotse amo toets-aboo avao ondatio. 5 Linama'
IEHOVÀ haangamae i mpanjakay ampara' ty andro nihomaha'e vaho nimoneñe añ'
akiba navìke ao. Iotame‡, ana' i mpanjakay, ty nifehe' i anjombay, naho nizaka
ondati' i taneio. 6 Ty ila' o fitoloña' i Azariào, o nanoe'e iabio; tsy fa sinokitse amy
bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Iehodaoy hao? 7 Nitrao-pirotse aman-droae'e t'i
Azarià, le nalenteke aman-droae'e an-drova' i Davide ao; le nandimbe aze nifehe
t'Iotame ana'e.
8 Amy taom-paha-telopolo-valo' ambi' i Azarià mpanjaka' Iehoday, te nifeleke
Israele t'i Zekarià ana' Iarovame enem-bolañe e Somerone ao. 9 Nanao raty am-
pivazohoa' IEHOVÀ re, manahak' an-droae'e, tsy nisitaha'e o hakeo nampanaña'
Iarovame ana' i Nebate tàhiñe Israeleo. 10 Nikinia aze t'i Salome§, ana' Iabese
le zinevo'e añatrefa' ondatio, vaho vinono'e, le nandimbe aze nifeleke. 11 Aa ty
ila' o fitoloña' i Zekariào, oniño t'ie sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka'
Israeleoy. 12 Le niheneke ty nitsarae' IEHOVÀ am' Ieho ami'ty hoe; O ana'o pak' an-
tariratse fah' efatseo ty hiambesatse amy fiambesa' Israeley, le zay ty ie. 13 Niorotse
nifehe amy taom-paha-telo-polo-sive' ambi' i Ozià* mpanjaka' Iehodaiy t'i Salome
ana' Iabese† le nifeleke volan-draike do'e e Somerone ao. 14 Nionjoñe boak'e Tirtsà
t'i Menakeme‡ ana' i Gadý§, le nivotrake e Somerone eo, naho zinevo'e t'i Salome,
ana' Iabese, e Somerone ao naho vinono'e vaho nandimbe aze nifeleke. 15 Aa naho o
fitoloña' i Salome ila'eo, i kilily nanoe'ey, oniño t'ie sinokitse amy bokem-pamoliliañe
o mpanjaka' Israeleoy. 16 Zinevo' i Menakeme amy zao ty Tifsà*, ze tama'e ao iaby
naho o mañohok' azeo pake Tirtsà; amy t'ie tsy nisokafe' iereo; aa le linafa'e vaho
niriate'e iaby ze rakemba nivesatse ao. 17 Amy taom-paha-telopolo-sive' ambi' i
Azarià mpanjaka' Iehodày ty niorota' i Menakeme ana' i Gadý nifeleke Israele, le
nifehe folo taoñe e Somerone ao. 18 Nanao raty am-pivazohoa' IEHOVÀ re, le tsy napo'e
amo hene andro'eo o hakeo nampanaña' Iarovame ana' i Nebate tahiñe Israeleo.
19 Naname i taney t'i Pole† mpanjaka' i Asore‡, le natolo' i Menakeme amy Pole ty
talenta§ volafoty arivo soa te ho ama'e ty fità'e hamentea'e i fifeheañey. 20 Sinaze' i
Menakeme drala t'Israele, boak' amo fanalolahy mpañalealeo, songa hakare' ondatio
ty sekele limampolo hatolotse amy mpanjaka' i Asorey, vaho nibalik' añe i mpanjaka'
i Asorey le tsy nitambatse amy taney. 21 Aa naho o fitoloña' i Menakeme ila'eo,
ze hene nanoe'e, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy
hao? 22 Nitrao-piròtse aman-droae'e ao t'i Menakeme, le nandimbe aze nifehe t'i
Pekaià*, ana'e. 23 Amy taom-paha-limampolo' i Azarià mpanjaka' Iehoday, te niorotse
nifehe Israele e Somerone ao t'i Pekaià ana' i Menaheme; le nifeleke roe taoñe.
24 Nanao ze raty am-pivazohoa' IEHOVÀ re; tsy nisitaha'e o tahi' Iarovame ana' i
Nebate nampanaña'e hakeo Israeleo. 25 Nikinia aze amy zao t'i Pekà† ana' i Remalià‡,
sorotà'e, le nanjevoñ' aze e Somerone, amy fitalakesañ' abo' i anjomba' i mpanjakaiy

* **15:1** Azarià: mpijanjiñe i Talè † **15:2** Iekolae: maozatse ty am' IEHOVÀ ‡ **15:5** Iotame: Iòe ro vantañe
§ **15:10** Salome: tamben-kasoa; vale-fate * **15:13** Ozia: haozara' IEHOVÀ † **15:13** Iabese: maike; hasalarañe
‡ **15:14** Menakeme: mpañohò § **15:14** Gadý: nte Gade: osen'A', Talèn-kafaleañe * **15:16** Tifsà: fiariañe; fitsamboañañe; lia; † **15:19** Pole: voa-maike; fandrotsahañe ‡ **15:19** Asore; tane' i Sore: fale; zotike; hente
§ **15:19** Talenta: sekele 3000 ty talenta raike * **15:22** Pekaià: i sinoka' IEHOVÀ fihaino † **15:25** Pekà: fihaino misokake ‡ **15:25** Remalià: arova' IEHOVÀ

ao, rekets' i Argobe§ naho i Ariè * vaho ondaty limampolo nte-Gilade nindre ama'eo;
vinono'e, vaho nandimbe aze nifehe. 26 Aa naho o fitoloña' i Pekaià ila'eo, o hene
nanoe'eo, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy hao?
27 Amy taom-paha-limampolo-ro' ambi' i Azarià, mpanjaka' Iehodày, le niorotse
nifehe e Israele e Somerone ao t'i Pekà ana' i Remalià vaho nifeleke roapolo taoñe.
28 Nanao haratiañe am-pivazohoa' IEHOVÀ, tsy nisitaha'e o tahi' Iarovame ana' i
Nebate, nampanaña'e hakeo Israeleo. 29 Tañ' andro' i Pekà mpanjaka' Israele, ty
nanamea' i Tiglate-pilèsere† mpanjaka' i Asore, le tinava'e t'Iione‡, i Abel-bete-
maakà§, Ianoà*, i Kedese†, i Kazore‡, i Gilade naho ze hene tane Naftalý vaho
nendese'e an-drohy mb'e Asore añe. 30 Kinilili' i Hoseà§, ana' i Elà* t'i Pekà, ana'
i Remalià, le linafa'e naho vinono'e vaho nandimbe aze nifehe amy taom-paha-
roapolo' Iotame ana' i Oziày. 31 Aa naho o fitoloña' i Pekà ila'eo, o nanoe'eo, oniño
t'ie misokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Israeleoy.
32 Amy tom-paharoe' i Pekà, ana' i Remalià, mpanjaka' Israeley, te niorotse nifehe
e Iehodà t'Iotame ana' i Ozià. 33 Roapolo taoñe lime amby re te niorotse nifeleke, le
nifehe folo taoñe eneñ' amby e Ierosalaime ao, Ierosoae† ana' i Tsadoke, ty tahinan-
drene'e. 34 Nanao ty havantañañe am-pihaino' IEHOVÀ re, hene norihe'e ty satan-
drae'e Ozià. 35 Fe tsy nafahañe añe o toets' aboo; mbe nanao soroñe naho nañenga
ey ondatio. Namboare'e ty lalambei' ambone' i anjomba' IEHOVÀY. 36 Aa naho o
fitoloña' Iotame ila'eo, ze hene nanoe'e, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o
mpanjaka' Iehodàoy hao? 37 Namototse nañirake i Retsine‡ mpanjaka' i Arame naho
i Pekà ana' i Remalià, haname Iehodà t'IEHOVÀ henane zay. 38 Nitrao-piròtse aman-
droae'e t'Iotame le nalentek' aman-droae'e an-drova' i Davide ao; vaho nandimbe
aze nifehe t'i Ahkaze§ ana'e.

# 16

1 Niorotse nifehe t'i Ahkaze ana' Iotame mpanjaka' Iehodà amy taom-paha-folo-
fito' ambi' i Pekà ana' i Remaliày. 2 Roapolo taoñe ty Ahkaze t'ie niorotse nifehe,
le nifeleke folo taoñe eneñ' amby e Ierosalaime ao; f'ie tsy nanahake i Davide
rae'e mpanao ty hiti'e am-pihaino' IEHOVÀ Andrianañahare'e. 3 Te mone nañavelo
an-tsata o mpanjaka' Israeleo, mbore nampisorohe'e añ'afo i ana-dahi'ey, ami'ty
haloloa' o kilakila ondaty nandroaha' IEHOVÀ aolo' o ana' Israeleoo. 4 Nanao soroñe
naho nañenga amo toets' aboo re, naho amo haboañeo, le ambane' ze atao hatae
mandrevake iaby.
5 Nionjomb'e Ierosalaime mb'eo amy zao t'i Retsine mpanjaka' i Arame, naho i
Pekà ana' i Remalià mpanjaka' Israele hialy; le narikatohe' iareo t'i Ahkaze f'ie tsy
nahagioke. 6 Nampoli' i Retsine amy Arame henane zay t'i Elate*, le rinoa'e boak'
Elate ao o nte-Iehodao naho nivotrake Elate o nte-Edomeo vaho nimoneñe ao pak'
androany. 7 Aa le nañitrike ìrak' amy Tiglate-pilesere mpanjaka' i Asore re, nanao
ty hoe; Mpitoro'o naho ana'o raho, mionjona mb' etoa naho rombaho am-pitam-
panjaka' i Arame vaho am-pitam-panjaka' Israele, ie fa nitroatse amako. 8 Aa le
rinambe' i Ahkaze ty volafoty naho ty volamena nizoeñe añ' anjomba' IEHOVÀ naho
am-pañajam-bara añ' anjombam-panjaka ao le nampisangitrife'e ho ravoravo amy
mpanjaka' i Asorey añe. 9 Nañaoñe aze ty mpanjaka' i Asore le nionjomb'e Damesèke

§ **15:25** Argobe: tane hoba * **15:25** Ariè: liona: farasy jabajaba † **15:29** Tiglate-pilèsere: mpandrohy mpanese ‡ **15:29** Iione: heheke; fihaino; rano migoañe § **15:29** Abel-bete-maakà: fiandraza' i Bete: akiba, Maakà: tinindry; tsorodea; mireketse * **15:29** Ianoà: mitofa; mihenekeneke; mikinia † **15:29** kedese: fipalirañe ‡ **15:29** Kazore: Anjomba fatratse § **15:30** Hoseà: fandrombahañe * **15:30** Elà: kobay (hatae); haozarañe † **15:33** Ierosoae: ombelahy mavo; fanañañe; lova ‡ **15:37** Retsine: zoton-tro; ìrake § **15:38** Ahkaze: mpandrambe; mpanañe * **16:6** Elate: haozarañe; kobay

mb’eo ty mpanjaka’ i Asore nitavañe naho nendese’e an-drohy mb’e Kire† mb’eo
ondati’eo vaho zinevo’e t’i Retsine.
10 Nimb’e Damesèke mb’eo t’i Ahkaze hifampigaoñe amy Tiglate-pilesere mpan-
jaka’ i Asore, le niisa’e ty kitrely e Damesèk’ ao; le nampihitrife’ i Ahkaze mpanjaka
amy Oriià‡ mpisoroñe ty sare’ i kitreliy, naho ty vinta’e—ty fitseneañe aze iaby. 11 Aa
le niranjie’ i Oriià i kitreliy; i nañitrifa’ i Ahkaze mpanjaka ama’e boake Damesèk’
añe ty nitsenea’ i Oriià mpisoroñe aze, vaho nimpoly boake Damesèke t’i Ahkaze
mpanjaka. 12 Aa ie pok’ eo boake Damesèke i mpanjakay, nizoe’ i mpanjakay i kitreliy;
le nitotok’ amy kitreliy i mpanjakay vaho nañenga ama’e; 13 nemboha’e i engan-
koroa’ey, naho i engan-tsatrin’ arofo’ey, naho nadoa’e eo i enga ranoy, vaho nafitse’e
amy kitreliy ty lio’ o engam-panintsiñañeo. 14 Le navi’e boak’ aolo’ i anjombay i
kitrely torisike añatrefa’ Iehovày, ie boak’ añivo’ i kitreli’ey naho i anjomba’ Iehovày,
vaho napo’e avara’ i kitreli’ey eo. 15 Linili’ i Ahkaze mpanjaka t’i Oriià mpisoroñe,
ami’ty hoe: Amy kitrely jabajabay ty isoroñañe maraindraiñe naho i enga-mahakama
harivay naho i fisoroña’ i mpanjakaiy naho i enga-mahakama’ey naho o fonga
fisoroña’ ondati’ i taneio naho o enga mahakama’ iareoo naho o enga-rano’ iareoo,
le afitsezo ama’e iaby ty lio’ o soroñañe iabio naho ty lio’ ze hene engaeñe; fe ho
ahy hañontaneako i kitrely torisikey. 16 Aa le nanoe’ i Oriià mpisoroñe iaby ty
nandilia’ i Ahkaze mpanjaka aze. 17 Tsinera’ i Ahkaze mpanjaka ty lifi’ o kalesio,
le nakatra’e o kovetao; le nazotso’e boak’ amo añombe-torisike ambane’eo i sajoa-
beiy vaho napo’e ambone vato linamake eo. 18 Le nafaha’e amy anjomba’ Iehovày
i lampalampa niranjieñe amy anjombay ho amo Sabatao naho i fimoahañe mb’ añ’
anjombam-panjaka alafe’ey, ty amy mpanjaka’ i Asorey. 19 Aa naho o fitoloña’ i
Ahkaze ila’e nanoe’eo, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka’ Iehodaoy
hao? 20 Le nitrao-piròtse aman-droae’e t’i Ahkaze naho nalenteke aman-droae’e an-
drova’ i Davide ao vaho nandimbe aze nifehe t’i Kezkià§ ana’e.

# 17

1 An-taom-paha folo-ro’ ambi’ i Ahkaze mpanjaka’ Iehodày ty niorota’ i Hosea
ana’ i Elà nifehe Israele e Somerone ao sive taoñe. 2 Le nanoe’e haratiañe am-
pivazohoa’ Iehovà, f’ie tsy nanahake o mpanjaka’ Israele taolo’eo. 3 Nionjomb’
ama’e mb’eo t’i Salmanesere* mpanjaka’ i Asore; le ninjare mpitoro’e t’i Hosea
vaho nandroroñe ama’e. 4 Fe nahaoniñe kilily amy Hosea ty mpanjaka’ i Asore,
amy te nañitrifa’e ìrake t’i So†, mpanjaka’ i Mitsraime vaho tsy ninday rorotse amy
mpanjaka’ i Asorey manahake ty lili’e boa-taoñe; aa le narindri’e an-drohy am-
porozò ao. 5 Nionjomb’eo nanitsike i tane iabiy ty mpanjaka’ i Asore le nigodañe
mb’e Somerone vaho niarikatok’ aze telo taoñe. 6 Amy taom-paha sive’ i Hoseay, le
naname i Somerone ty mpanjaka’ i Asore vaho nendese’e mb’e Asore mb’ eo t’Israele
le napo’e e Kalake‡ vaho e Kabore§ marine ty rano Gozane* an-drova’ o nte-Madaio†
añe.
7 Toly amy zao ty hakeo’ o ana’ Israeleo amy Iehovà Andrianañahare’ iareo, i
nañakats’ iareo an-tane’ Mitsraime boak’ am-pità’ i Parò mpanjaka’ i Mitsraimey,
ie nañeveñe amo ‘ndrahare ila’eo 8 naho nañavelo am-pañè’ o kilakila’ ondaty
rinoa’ Iehovà añatrefa’ o ana’ Israeleoo vaho ty amo sata’ o mpanjaka’ Israeleo.
9 Nanoe’ o ana’ Israeleo am’ Iehovà Andrianañahare’ iareo añ’etak’ ao o tsy
havokarañeo, nandranjy toets’ abo an-drova’ iareo iaby, boak’ am-pitalakesañ’

† 16:9 Kire; rova; kijoly; fifañaoñañe ‡ 16:10 Oriià: ndra Orià: failoko t’Iehovà § 16:20 Kezkià: haozara’ Iehovà * 17:3 Salmanesere: mirohy; fonitse; avake † 17:4 So: fañaranañe; lamba marerarera ‡ 17:6 Kalake: fandambañañe le § 17:6 Kabore: mpandray anjara; mpireketse * 17:6 Gozane: volonañondry; mpamahañe † 17:6 Meday: tane añivo

abo pak' an-drova mifahetse. 10 Naho najado' iareo amy ze atao haboañe naho
ambane' ze hatae mandrevake iaby o Aserào naho o hazomangao; 11 le nañembok'
ao manahake o kilakila' ondaty sinoi' IEHOVÀ aolo' iareoo, vaho nandranjy raha
tsereheñe hampiviñetse IEHOVÀ; 12 ie nitoroñe o hazomanga nafè' IEHOVÀ am'
iereoo ty hoe: Ko manao zao. 13 Mbore nanjehazehà' IEHOVÀ t'Israele naho Iehodà,
añamo mpitokio naho o mpioniñe iabio, ami'ty hoe: Iambohò o sata rati' areoo,
naho ambeno o fepèkoo naho o fañèko amy Hake liniliko an-droae' areo vaho
nampihitrifeko ama' areo am-pità' o mpitoky mpitorokooy. 14 Fe tsy hinao' iereo,
te mone nampijiringàm-pititia, manahake o fititian-droae' iareoo, ie mboe lia'e
tsy niato amy IEHOVÀ Andrianañahare' iareo. 15 Natorifi' iereo o fañè'eo naho i
nifañinà'e aman-droae' iareoy naho o taroñe nizehazehà'e am' iereoo; nañorike
hakoahañe iereo naho ninjare kòake, le nañorike o kilakila' ndaty nañohoke iareoo;
o nafanto' IEHOVÀ am' iereoo te tsy itsikombeañe. 16 Nado' iareo ze hene lili' IEHOVÀ
Andrianañahare' iareo, naho nampitranahe' iareo Aserà, naho bania roe, naho
nampitroatse hazomanga naho nitalaho amy valobohòn-dindiñey, vaho nitoroñe i
Baale. 17 Nampirangae' iereo añ' afo o ana-dahy naho anak' ampela' iareoo, naho
nanikily vaho namoreke, le nandeta-batañe hanao haloloañe am-pivazohoa' IEHOVÀ
hiviñera'e. 18 Aa le niviñera' IEHOVÀ t'Israele vaho nafaha'e am-pivazohoa'e; leo
raike tsy napo'e naho tsy i fifokoa' Iehodày avao. 19 Toe tsy nambena' Iehoda ka o
lili' IEHOVÀ Andrianañahare' iareoo te mone nañavelo amo fañè' nitoloña' Israeleo.
20 Fonga naforintse' IEHOVÀ ty tarira' Israele, le nampisotrie'e naho natolo'e am-
pitam-pamaoke vaho nahifi'e boak' am-pivazohoa'e. 21 Rinia'e boak' añ' anjomba'
i Davide ao iereo; le nanoe' iereo mpanjaka t'Iarovame ana' i Nebate, le nasinta'
Iarovame tsy hañorike IEHOVÀ t'Israele, ie nampanaña'e hakeo jabajaba. 22 Fonga
nañavelo amo tahi' Iarovameo; tsy nisitaha' iareo; 23 ampara' te nasinta' IEHOVÀ
am-pivazohoa'e t'Israele, amy tsinara'e am-pità' ze hene mpitoky mpitoro'ey. Aa le
nasese an-drohy boak' an-tane'e ao t'Israele, mb'e Asore añe am-para' te henane.
24 Ninday ondaty boak'e Bavele naho Kote, naho Avà, naho Kamate, naho
Sefarvaine añe ty mpanjaka' i Asore, vaho navotra'e amo rova' i Someroneo
handimbe Israele; le nifanaña' iareo t'i Somerone vaho nimoneñe amo rova'eo.
25 Ie namototse nimoneñe ao, naho mboe tsy nañeveñe am' IEHOVÀ, le nañiraha'
IEHOVÀ liona nanjevoñe ty ila'e. 26 Aa le nanao ty hoe amy mpanjaka' i Asorey iereo:
Tsy fohi' ze kilakila 'ndaty navì'o naho navotra'o amo rova' i Someroneo ty lilin'
Andrianañahare' i taney; toly ndra nañiraha'e liona, le inao, ie tsy mahafohiñe o
lilin' Añahare' i taneio ty namonoa' o lionao. 27 Le hoe ty nandilia' i mpanjaka' i
Asorey: Andeso mpisoroñe raike hirik' amo nasese' areo boak'aoo; le ampom-bao
mb'eo himoneñe ao hañòke iareo ty lilin' Andrianañahare' i taney. 28 Aa le nimb' eo
ty raik' amo mpisoroñe nendeseñe boake Someroneo le nimoneñe e Betele ao, vaho
nanare'e ty hañeveñe am' IEHOVÀ. 29 Fe fonga namboatse ty 'ndrahare'e i fifeheañe
rey, le napo'e amo toets' abo rinanji' o nte-Someroneoo, songa fifeheañe an-drova
nimoneña'e ao.
30 Namboare' o nte-Baveleo ty Sokote-benote‡, naho namboare' o nte-Koseo t'i
Nergale§, naho namboare' o nte-Kamateo ty Asimae*; 31 naho namboare' o nte-
Avìo ty Nibkaze naho i Tartake vaho sinodo' o nte-Sefarvaineo amy Adrameleke
naho i Anameleke, 'ndrahare' o nte-Sefarvaimeo, añ'afo ao o ana' iareoo. 32 Mbore
nañeveñe amy IEHOVÀ, mbore noriza' iareo boak' am' iareo ao ty mpisoron-toets'
abo hitoloñe amo kibohon-toets' aboo ho a iareo. 33 Nañondrañe am' IEHOVÀ iereo
mbore nitoroñe o 'ndrahare' iareoo, ami'ty sata' o kilakila'ndaty nañakarañe iareo

‡ **17:30** Sokote-benote: kijan-kakarapiloa' i Bavele § **17:30** Nergale: fanalolahy: 'ndraharen-Kose * **17:30** Asimae: hakeo; 'ndraharen-Kamate

boak' am-pandrohizañe añeo. 34 Mbe mañorike ty sata' iareo taolo pak' androany, tsy
añeveña' iareo t'IEHOVÀ, tsy ambena' iareo o fañè'eo naho o fepè'eo naho i Tsara'ey
vaho o fepètse linili' IEHOVÀ o ana' Iakobe nikanjie'e ty hoe Israeleoo; 35 ie nanoa'
IEHOVÀ fañina, vaho nafanto'e am'iereo ty hoe; Ko hembañe amo 'ndrahare ila'eo, ko
ibokobokoañe ndra itoroñañe, ndra isoroñañe; 36 fa IEHOVÀ nañakatse anahareo an-
tane Mitsraime an-kaozaran-dra'elahy naho am-pitàñe natorakitsi'e, Ie ty añeveña'
areo, le Ie ty italahoa' areo vaho Ie ty hisoroña' areo; 37 le o fañèo naho o fepètseo
naho i Hake vaho o lily sinoki'e ama' areoo ro hambena' areo hanoeñe nainai'e; fa
tsy añeveñañe o 'ndrahare ila'eo; 38 le ko haliño i fañina nanoeko ama' areoy; vaho
ko hembañe amo 'ndrahare ila'eo; 39 IEHOVÀ Andrianañahare' areo avao ty añeveña'
areo; le Ie ty hamotsotse anahareo am-pità' o fonga rafelahio. 40 F'ie tsy nañaoñe,
te mone nanao ty nahazatse. 41 Aa le nañeveñe am' IEHOVÀ o fifeheañeo mbore
nitoroñe o hazomanga' iareoo; orihe' o ana'eo naho o anan' ana'eo ty satan-droae'
iareo pak'androany.

# 18

1 Ie tan-taom-paha-telo' i Hosea, ana' i Elà mpanjaka' Israele, le niorotse nifehe
t'i Kezkià, ana' i Ahkaze, mpanjaka' Iehodà. 2 Roapolo toañe lime amby re te
niorotse nifehe; le nifeleke roapolo taoñe sive' amby e Ierosalaime. I Abý*, ana'
i Zakarià† ty tahinan-drene'e. 3 Nanao ty havantañañe am-pivazohoa' IEHOVÀ re,
manahake ze hene satan-drae'e Davide. 4 Nafaha'e o toets' aboo naho dinemo'e o
hazomangao, naho finira'e o Aserào, vaho finorefore'e i mereñe torisike niranjie' i
Mosèy; amy te nañembok' ama'e o ana' Israeleo ampara' i andro zay, le nitokaveñe
ty hoe Nekostane‡. 5 Niatoa'e t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele; kanao tsy amo hene'
mpanjaka' Iehodao naho amo taolo'eo ty nanahak' aze. 6 Nitambozore'e t'IEHOVÀ, le
tsy nenga'e ty fañorihañe aze, fa nambena'e o lili'e linili' IEHOVÀ i Mosèo. 7 Nindre
ama'e t'IEHOVÀ, le niraorao re ndra aia' aia ty nomba'e; niolà'e ty mpanjaka' i Asore
le tsy nitoroñe'e. 8 Zinevo'e o nte-Pelistio pak' Azà naho o mañohok' azeo; boak'
am-pitalakesañ' abo pak' an-drova mikijoly.
9 Ie amy taom-paha-efa' i Kezkià mpanjakay, naho ty taom-paha' fito i Hosea, ana'
i Elà mpanjaka' Israele te nionjomb'e Somerone t'i Salmanesere mpanjaka' i Asore,
nañarikatok' aze. 10 Nahamodo telo taoñe iereo vaho naharambe aze; amy taom-
paha' ene' i Kezkia naho ty taom-paha sive' i Hosea mpanjaka' Israele, ty nitavaneñe
i Somerone. 11 Nasese' ty mpanjaka' i Asore mb'e Asore mb'eo t'Israele, vaho napò'e
e Kalà añe naho añ' olo' i Kabore, saka' i Gozane, vaho amo rova nte Medaio; 12 amy
t'ie tsy nañaoñe ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare' iareo, te mone nivalik' amy
fañina'ey naho ze he'e nandilia' i Mosè mpitoro' IEHOVÀ; tsy jinanji' iareo tsy nanoe'
iereo. 13 Amy taom-paha folo-efats'ambi' i Kezkiày, le nionjomb' amo rova-fatrats'
Iehodao t'i Sankeribe§ mpanjaka' i Asore vaho rinambe'e. 14 Le nampihitrik' amy
mpanjaka' i Asore e Lakisey t'i Kezkia mpanjaka' Iehoda nanao ty hoe: Nandilatse
raho, miengà ahy, le ho vaveko ze hapò'o amako. Le sinaze' i mpanjaka' i Asorey
volafoty telon-jato talenta naho volamena telopolo talenta t'i Kezkià mpanjaka'
Iehodà. 15 Fonga natolo' i Kezkià aze ze volafoty nizoeñe añ' anjomba' IEHOVÀ
naho am-pañajàm-bara añ'anjombam-panjaka ao. 16 Tinampa' i Kezkia amy zao
ty volamena an-dalambein' anjomba' IEHOVÀ naho boak' amo tokonañe nipakore'
i Kezkia mpanjakao; vaho natolo'e amy mpanjaka' i Asorey. 17 Nirahe' i mpanjaka'
i Asorey boak'e Lakise mb'amy Kezkia mpanjaka e Ierosalaime mb'eo t'i Tartane*

* 18:2 Abý: raeko † 18:2 Zakarià: nahatiahy t'i Andrianañahare ‡ 18:4 Nekostane: raha torisike tsy jefa'e
§ 18:13 Sankeribe: mandrotsake * 18:17 Tartane: zeneraly; mpifehe bey

naho i Rabsarise†, vaho i Rabsakè‡, reketse lahin-defo tsifotofoto. Nionjomb' eo iereo
naho nivotrake e Ierosalaime, ie pok'eo le nimb'an-talahan' antara ambone an-dala' i
tondam-panasay mb'eo vaho nijohañe ey. 18 Ie kinanji' iareo i mpanjakay le niakatse
mb' am' iereo mb'eo t'i Eliakime§ ana' i Kilkià*, mpifehe o añ' anjombao naho i
Sebnà† mpanokitse vaho Ioà‡ ana' i Asafe§ mpamolily. 19 Le hoe t'i Rabsakè am' iereo:
Ano ty hoe t'i Kezkià: Hoe i mpanjaka ra'elahy mpifehe' i Asorey: Ino ze o fiatoañe
iatoa'o zao? 20 Atao'o te fanoroañe naho haozarañe ente-mialy hao ty fivolan-tsoñy?
Ia arè ty iatoa'o, te ihe niola amako? 21 Inao hey, te niatoa'o i fitoñom-bararata
dinemokey, i Mitsraime; ie iatoa' ondaty le ho voa ty taña'e, toe hitomboha'e; zay t'i
Parò mpanjaka' i Mitsraime amy ze hene miato ama'e. 22 Fe naho anoa'areo ty hoe:
Iatoa'ay t'IEHOVÀ Andrianañahare'ay; Tsy Ie hao ty nañafaha' i Kezkia o toets-abo'eo
naho o kitreli'eo, vaho nanao ty hoe am' Iehodà naho am' Ierosalaime: Mitalahoa
añatrefa' ty kitrely e Ierosalaime toy? 23 Aa ehe, ano parè amy talèko mpanjaka'
i Asorey; fa hatoloko azo ty soavala ro' arivo naho mahatongoa mpiningitse ama'e
rehe. 24 Aa vaho akore ty hampitoliha'o ty laharam-pifehe' i faragidrom-pitoron-
talèkoy? vaho iatoa'o t'i Mitsraime hahazoa'o sarete naho mpiningitse! 25 Atao'o te
tsy amako hao t'IEHOVÀ, zaho nionjom-b'an-toetse toy handrotsake aze? Nanao ty
hoe amako t'IEHOVÀ: Tameo i taney vaho rotsaho. 26 Aa le hoe t'i Eliakime ana' i
Kilkià naho i Sebnà vaho Ioà amy Rab' sakè: Ehe, misaontsia amo mpitoro'oo an-
tsaontsi' i Arame fa fohi'ay, le ko misaontsy an-tsaontsi' o nte-Iehodao an-dravembia'
ondaty ambone' o kijolio eio. 27 Fe hoe ty nanoa' Rab'sakè, Nañirak' ahy homb' amy
talè'oy naho ama' areo hivolañako o entañe zao, fa tsy amo mitobok' amo kijolioo
ka? hahafitraofa' iareo filintseñe ty fiamonto'e naho finoñe ty arirano'e? 28 Niongak'
amy zao t'i Rab'sakè, nipazake ty hoe an-tsaontsi' Iehoda: Janjiño ty enta' i mpanjaka
ra'elahy, mpifehe' i Asorey. 29 Hoe i mpanjakay: Ko enga' areo hamañahy anahareo
t'i Kezkia. Fa tsy ho lefe'e ty hamotsotse anahareo am-pità'e. 30 Le ko enga' areo t'i
Kezkia hampiato anahareo am' IEHOVÀ, ami'ty hoe: Toe handrombak' antika t'IEHOVÀ,
vaho tsy hatolotse am-pitàm-panjaka' i Asore ty rova toy. 31 Ko janjiñeñe t'i Kezkia;
fa hoe ty mpanjaka' i Asore: Mifampilongoa amako, le miavota mb'amako; le songa
hikama amy vahe'ey, naho amy sakoa'ey vaho sindre hitohoke an-dranon-kadaha'e;
32 ampara' te homb'eo raho hanese anahareo mb'an-tane manahake ty anahareo,
tanen-tsako naho divay, tane ama' mofo naho tanem-bahe, tanen-katae olive naho
tantele, soa t'ie ho veloñe fa tsy hihomake; le ko haoñe' areo t'i Kezkià, ie sigihe'e
ami'ty hoe: Ho hahà' IEHOVÀ tika. 33 Aa vaho eo hao ty 'ndraharen-kilakila' ndatio
nahavotsotse ty tane'e am-pitàm-panjaka' i Asore? 34 Aia o 'ndrahare' i Kamate naho
i Arpadeo*? aia o 'ndrahare' i Sefarvaime naho i Henà† vaho Ivào‡? Nahahaha' iereo
an-tañako hao ty Somerone? 35 Ia amo fonga 'ndrahare' o fifelehañeo ty nahavotsotse
i borizà'ey an-tañako? te hahafañaha' IEHOVÀ an-tañako t'Ierosalaime? 36 Fe nianjiñe
avao ondatio, leo volañe raike tsy natoi' iareo ami'ty nandilia' i mpanjakay ty hoe:
Ko manoiñe aze. 37 Nimb' amy Kezkià mb'eo an-tsiky riniatse t'i Eliakime, ana' i
Kilkià, mpifehe' i anjombay naho i Sebna mpanokitsey vaho Ioà mpamoliliy nitalily
i enta' i Rab'sakèy.

# 19

1 Ie jinanji' i Kezkià zay, le rinia'e o saro'eo naho nisikin-gony vaho nizilik' añ'

† **18:17** Rab'sarise: mpifehe o mpiatrakeo ‡ **18:17** Rab'sakè: mpitam-pitovi' i roandriañey § **18:18** Eliakime: fiheren-ko velon' Añahare * **18:18** Kilkià: anjarako t'i Andrianañahare † **18:18** Sebnà: ty mitofa; ty mirohy ‡ **18:18** Ioà: filongoañe; rahalahi' IEHOVÀ § **18:18** Asafe: mpanontoñe * **18:34** Arpade: hazava-pijebañañe; rova fatratse † **18:34** Henà: mitsobore ‡ **18:34** Ivà: rotsake; nianto

anjomba'Iehovà ao. 2 Nampihitrife'e mb'am' Iesaià, mpitoky, ana' i Amotse, mb'eo
t'i Eliakime mpiaolo' i anjombay, naho i Sebnà mpanokitse, vaho o androanavim-
pisoroñeo songa nisaron-gony, 3 ninday ama'e ty hoe: Hoe t'i Kezkià: Andron-
kankàñe naho trevoke vaho teratera ty andro toy, fa an-titotse te hisamake o ajajao fe
po-haozarañe. 4 Hera, ho janjiñe' Iehovà Andrianañahare'o i enta' i Rab'sakè nahitri'
i mpanjaka' i Asore, talè'eiy, nanigike an' Andrianañahare veloñe, hitrevoha' Iehovà
Andrianañahare'o o fivolañe jinanji'eo; le ihalalio i sehanga'ey. 5 Aa le nimb' am'
Iesaià mb'eo i mpitoro' i Kezkià rey. 6 Le hoe t'Iesaià tama'e: Zao ty ho saontsie'
areo amy talè' areoy: Hoe ty tsinara' Iehovà: Ko hembañ' amo volañe jinanji'oo,
o niteraterà' o mpitoro' i mpanjaka' i Asoreio ahikoo. 7 Oniño t'ie ho fañahieko
hijanjiña'e tolom-boetse naho himpoly mb'an-tane'e añe vaho hampikorovoheko am-
pibara an-tane'e ao.
8 Nibalik' amy zao t'i Rab'sakè, le zoe'e nialy amy Libnà* ty mpanjaka' i Asore;
toe jinanji'e ty fienga'e i Lakise, 9 ie jinanjiñe ty amy Tir'hakà† mpanjaka' i Kose
ty hoe: Ingo fa niavota'e hialy, aa le nañitrife'e ìrake indraike t'i Kezkià nanao ty
hoe: 10 Ty hoe ty ho enta'o my Kezkià, mpanjaka' Iehodà: Ko ado'o hamañahy
azo i Andrianañahare iatoa'oy, hanao ty hoe; Tsy hatolotse am-pità' i mpanjaka' i
Asorey t'Ierosalaime. 11 Toe jinanji'o i nanoem-panjaka' i Asore ze hene fifeheañey
—fonga nimongore'e; aa vaho havotsotse rehe? 12 Hera namotsotse o nandrotsahan-
droaekoo o 'ndraharem-pifeheañeo, i Gozane, i Karane, i Retsefe, vaho o ana' i Edene
nte Telasàreo? 13 Aia ty mpanjaka' i Kamate, ty mpanjaka' i Arpade, ty mpanjaka'
i rova' i Sefarvainey, ty a i Hena, naho Ivà? 14 Rinambe' i Kezkià i taratasy boak'
am-pità' i ìrake reiy, le vinaki'e; le nionjoñe mb' añ'anjomba' Iehovà mb'eo t'i
Kezkià, vaho vinela'e añatrefa' Iehovà. 15 Le nihalaly amy Iehovà t'i Kezkià ami'ty
hoe: O ry Iehovà, Andrianañahare' Israele, mpiambesatse añivo' o keròbeo, Ihe
ro Andrianañahare, Ihe avao, amy ze kila fifehea' ty tane toy; Ihe ty namboatse i
likerañey naho ty tane toy. 16 Manokilaña ravembia ry Iehovà le janjiño, manokafa
fihaino ry Iehovà le vazohò, vaho haoño o enta' i Senakeribe nahitri'e hiteratera i
Andrianañahare veloñeio. 17 Vata'e to, ry Iehovà te nampangoakoahe' o mpanjaka'
i Asoreo o fifeheañeo naho o tane'eo; 18 naho nafetsa' iareo añ'afo ao o 'ndrahare'
iareoo (o tsy Andriañahareo, fa satam-pità' ondaty, hatae naho vato) vaho rinotsa'
iereo. 19 Ie amy zao, ry Iehovà Andrianañahare'ay, Ehe rombaho am-pità'e zahay
hahafohina' ze hene fifehea' ty tane toy te Ihe ry Iehovà ro Andrianañahare, Ihe
avao.
20 Nahitri' Iesaià, ana' i Amotse amy Kezkià, ty hoe: Hoe t'Iehovà Andrianañahare'
Israele: Kanao nihalalia'o amako i Senakeribe mpanjaka' i Asorey, le tsinanoko.
21 Hoe ty tsara nafè' Iehovà ama'e: Malaim-bintañe azo ty anak' ampela' i Tsione
naho itohafa'e an-tìtse; mikofi-doha ama'o ty anak' ampela' Ierosalaime. 22 Ia
ty ninjè'o naho nonjira'o? Ia o nipoñafa'o feo naho niandrandrà'o maso am-
pirengevohañeo hatretrè'o i Masi' Israeley! 23 O ìra'oo ty nañinjea'o i Talè naho
nanao ty hoe, Amo saretekoo ty añamboneako andigiligi' o haboañeo, pak'an-
tsifitsifi' i Lebanone añe; firaeko ty abo amo mendorave'eo, ty soa fijoboñe amo
talì'eo; izilihako i fipalira'e lavitse ama'ey, i ala'e loho matahetsey. 24 Nihaly vovon-
draho naho ninon-dranon' ambahiny, vaho nimaiheko an-dela-tomboko o hene saka'
i Mitsraimeo. 25 Tsy jinanji'o hao? fa haehae te nanoeko? sinafiriko taolo añe,
naho nampifetsahako henanekeo, eka fa fonitse, te havali'o ho votrem-piantoañe
o rova fatratseo, 26 le salatse naho malovilovy o mpimone'e nitomoreñeo, ie hoe
rongoñe an-kivok' ao naho ahetse maindoñe, manahake ty boka ambone' kivoho
eo vaho ampemba pikole'e ie mbe tsy bey. 27 Fe apotako ty fiongaha'o naho ty

* 19:8 Libnà: hafotiañe † 19:9 Tir'hakà; mpandohy, mpitsikarake

fitoboha'o, ty fiakara'o naho ty fiziliha'o vaho o fitroña'o amakoo. 28 Aa kanao
itreña'o, vaho niheo an-tsofiko ao ty fitoabora'o, le hatsatoko an-doak' oro'o ao ty
porengoko naho ami'ty montsili'o ao ty laboridiko; vaho hampipolieko amy lalañe
nimba'o mb' etoiy. 29 Inao ty ho viloñe hahafohina' areo zay: Ho kamae' areo
ze mitiry ho asa'e ami'ty taoñe toy, le ze mijirik' ama'e ami'ty taom-paha roe; le
mitongisa ami'ty taom-pahatelo, mambolea an-tanem-bahe vaho kamao o voa'eo.
30 Mbe hamahatse mañambane naho hamoa mañambone ty sehangan' anjomba'
Iehoda; 31 fa hiavotse am' Ierosalaime ty sengaha'e, naho boak' ankaboa' i Tsione ao
o nahafipoliotseo. Hanoe' ty fahimbaña' IEHOVÀ' i Màroy zay. 32 Aa le hoe ty tsara'
IEHOVÀ amy mpanjaka' i Asorey: T'ie tsy himoak' an-drova atoy, tsy hañiririña'e ana-
pale, tsy hiheova'e aolo'e ey reketse fikalañe, vaho tsy haobo'e ama'e ty tambohom-
panameañe. 33 Amy lalañe nigodaña'e mb' etoa ty himpolia'e añe fa tsy hifoak' ami'
ty rova toy, hoe t'IEHOVÀ. 34 Toe harovako ty rova toy, ho rombaheko ho Ahiko naho
ho a i Davide mpitoroko. 35 Ie amy haleñey, nimb'eo ty anjeli' IEHOVÀ nanjevoñe ty
rai-hetse-tsi-valo-ale-tsi-lime-arivo an-tobe' o nte-Asoreo. Ie mañampitso ondatio le
nizoeñe t'ie fonga lolo. 36 Nienga amy zao t'i Senakeribe, mpanjaka' i Asore, nimpoly,
vaho nimoneñe e Nineve ao. 37 Ie nitalaho añ' anjomba' i Nisroke, 'ndrahare'e ao,
le nanjevoñe aze am-pibara ty ana'e Adrameleke naho i Saretsere vaho nipolititse
mb'an-tane Ararate añe. Nandimbe aze t'i Esarsadone, ana'e.

# 20

1 Ie amy andro rezay, natindry fa heta'e t'i Kezkià, le nimb' ama'e mb'eo t'Iesaià,
ana' i Amotse, le nanoe'e ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ: Hajario ty anjomba'o fa
hihomake, tsy ho veloñe. 2 Nampitolihe'e mb'an-drindriñe ty añ'ambone'e, vaho
nihalaly amy IEHOVÀ ami'ty hoe. 3 Midrakadrakak' ama'o ry IEHOVÀ, tiahio hey t'ie
nañavelo añ' atrefa'o an-kavañonañe naho an-troke vantañe vaho nanao ty hasoa
am-pivazohoa'o. Le nangolololoike ty rovetse t'i Kezkià. 4 Aa ie mbe tsy anteñateña' i
kiririsay t'Iesaià, le niheo ama'e ty tsara' IEHOVÀ, ami'ty hoe: 5 Mibaliha indraike le
saontsio t'i Kezkià mpifehe ondatikoo, Hoe ty nafè' IEHOVÀ, Andriananañahare' i Davide
rae'o, Tsinanoko i halali'oy, fa nitreako o ranom-pihaino'oo, inao te ho jangañeko,
Mionjona mb' añanjomba' IEHOVÀ mb'eo ami'ty andro fahatelo. 6 Le ho tovoñako
taoñe folo-lime amby o andro'oo naho havotsoko am-pità' i mpanjaka' i Asorey, ihe
naho ty rova toy, vaho harovako ho Ahy naho ho a i Davide, mpitorokoy, ty rova
toy. 7 Le hoe t'Iesaià, Angalao garaton-tsakoa. Aa le nangalake le nabatra' iereo amy
honay le nisotrake re. 8 Le hoe t'i Kezkià am' Iesaià, Ino ty ho viloñe te hampijangañe
ahy t'IEHOVÀ, naho himoak' añ' anjomba' IEHOVÀ ao raho te herone? 9 Le hoe t'Iesaià,
Zao ty viloñe ho azo'o am' IEHOVÀ, te hanoe' IEHOVÀ i tsinara'ey: ke hionjo miaolo
fange'e folo i talinjoy, he hibalike fange folo, akore? 10 Le hoe ty natoi' i Kezkià, Raha
maivañe ty hizotsoa' i talinjoy fange'e folo: Aiy! ampibaliho fange folo i talinjoy.
11 Aa le kinanji' Iesaià t'IEHOVÀ, le nahere'e ami' ty fange folo nizotsoa'e amy tarehem-
pamatarañ' andro i Ahkazeo i talinjoy.

12 Ie henane zay, nañitrike taratasy naho ravoravo amy Kezkià t'i Berodake-
baladàne, ana' i Baladane, mpanjaka' i Bavele; fa jinanji'e te natindry t'i Kezkià.
13 Nihaoñe' i Kezkià iereo, le fonga nitoroa'e o am-pañajam-bara'eo, o volafotio,
naho o volamenao, naho o raha mafirio, naho o solike sarotseo naho i anjombam-
pikalaña'ey, vaho ze nitendrek' am-panontonam-bara'e ao; ndra loli'e amy an-
jomba'ey tsy napo'e, ndra amy fifehea'e iabiy, ze tsy natoro' i Kezkià iareo. 14 Pok'
amy mpanjakay amy zao t'Iesaià mpitoky, le nanoa'e ty hoe: Ino ty enta' indaty rey,
naho boak' aia iereo te nivotrak' ama'o? Le hoe t'i Kezkià, toe boake tsietoitane añe
iereo, hirike Bavele ao. 15 Le hoe re: Ino ty nioni' iereo añ'anjomba'o ao? Le hoe ty

natoi’ i Kezkià, Hene niisa’ iereo ze an-trañoko ao, tsy eo ty napoko tsy natoroko. 16 Le
hoe t’Iesaià amy Kezkià, Janjiño ty tsara’ Iehovà. 17 Inao! ho avy ty andro te fonga
hendeseñe mb’e Bavele mb’eo o añ’ anjomba’oo, naho ze vinandron-droae’o pak’
androany; tsy eo ty hapoke, hoe t’Iehovà. 18 Le haneseañe añe o tariratse hiboak’
ama’oo, o hasama’oo, ho mpiatrak’ añ’ anjombam-panjaka’ i Bavele ao. 19 Le hoe
t’i Kezkià am’ Iesaià, Soa i tsara’ Iehovà tinaro’oy. Ie natao’e ty hoe: Aa tsy ho
soa zay! te fierañerañañe naho hatò ty ho amo androkoo? 20 Aa naho o fitoloña’ i
Kezkià ila’eo, i haozara’ey, vaho ie namboatse ty antara naho zoho nampom-ba’e rano
mb’ an-drova ao; tsy misokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka’ Iehodaoy hao?
21 Nitrao-piròtse aman-droae’e t’i Kezkià; nandimbe aze nifehe t’i Menasè, ana’e.

# 21

1 Folo-tao-ro’amby t’i Menasè te namototse nifeleke vaho nifehe limampolo-taoñe
lime amby e Ierosalaime ao; i Kefezobà ty tahinan-drene’e. 2 Nanao haratiañe
am-pivazohoa’ Iehovà re, manahake ty haloloa’ o kilakila’ ondaty rinoa’ Iehovà
aolo’ o ana’ Israeleoo. 3 Amy te namboare’e indraike o toets’ abo rinotsan-drae’e
Kezkiào; le nampitroare’e kitrely t’i Baale, naho nandranjie’e hazomanga manahake
ty nanoe’ i Akabe mpanjaka’ Israele; le fonga nitalahoa’e o valobohòn-dikerañeo
vaho nitoroña’e. 4 Nandranjie’e kitrely añ’anjomba’ Iehovà, ie nanoe’ Iehovà ty hoe:
E Ierosalaime ao ty hampipohako ty añarako. 5 Namboara’e kitrely i valobohòn-
dikerañe iabiy, an-kiririsa roe’ i anjomba’ Iehovà eo. 6 Nampirangae’e añ’afo
i ana-dahi’ey, naho nañorik’ andro, naho namoreke, naho nitrobo angatse vaho
nitoloñe amo jinio; halò-tsereke ty nanoe’e am-pivazohoa’ Iehovà eo, hiviñera’e.
7 Natroa’e i hazomanga rinanji’e ho a i Aserày, amy anjomba nanoe’ Iehovà amy
Davide naho amy Selomò, ana’ey, ty hoe, Ami’ty anjomba toy naho e Ierosalaime
jinoboko amo hene fifokoa’ Israeleo ty hampipohako ty añarako ho nainai’e donia;
8 le tsy hampirerererèko hienga i tane natoloko an-droae’ iareoy o fandia’ Israeleo
naho ambena’ iareo hanoeñe ze hene nandiliako vaho i Hake iaby linili’ i Mosè
mpitorokoy. 9 F’ie tsy hinao’ iereo, le tinao’ i Menasè hanao haloloañe mandikoatse
o fifeheañe rinotsa’ Iehovà añatrefa’ o ana’ Israeleoo. 10 Le nitsara añamo mpitoky
mpitoro’eo t’Iehovà, nanao ty hoe, 11 Kanao nanoe’ i Menasè o haloloañe zao naho
nitolon-katserehañe mandikoatse ty nanoe’ o nte-Amore taolo’eo vaho nampanaña’e
tahiñe Iehoda amo hazomanga’eo; 12 le hoe ty nafè’ Iehovà, Andrianañahare Israele,
Akore ty hankàñe hafetsako am’ Ierosalaime naho am’ Iehodà kanao hiñiñiñiñe
an-dravembia’e roe ze mahajanjiñe. 13 Ho kazazaheko am’ Ierosalaime ty tali’ i
Somerone naho ty vato-polòmbi’ ty anjomba’ i Akabe, vaho ho faopaoheko manahake
ty famaoha’ ondaty ty finga’e t’Ierosalaime, ie faopaohe’e naho ababo’e. 14 Le
haforintseko ty sehanga’ i lovakoy, naho hatoloko ampità’ o rafelahi’ iareoo; vaho
ho fitsindrohañe naho fikopaha’ o fonga rafelahi’eo, 15 ty amo haratiañe nanoe’
iereo am-pahatreavakoo, ie nikaike ty habosehako boak’ amy andro niavotan-droae’
iareo i Mitsraimey pak’ androany. 16 Mbore nampidoandoan-dio maliñe t’i Menasè
ampara’ te natsafe’e boak’ an-tsarira’e pak’an-tondohà’e t’Ierosalaime, ho tovo’ ty
hakeo’e nampanaña’e tahiñe t’Iehodà, i nanoa’e haloloañe am-pivazohoa’ Iehovày.
17 Aa naho o fitoloña’ i Menasè ila’eo, o nanoe’e iabio vaho i hakeo nanoe’ey, tsy
fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka’ Iehodaoy hao? 18 Nitrao-piròtse
aman-droae’e t’i Menasè, naho nalentek’ an-kiririsan’ anjomba’e an-golobo’ i Ozià
ao, vaho nandimbe aze nifehe t’i Amone ana’e. 19 Roapolo-taoñe ro’ amby t’i
Amone te niorotse nifeleke, vaho nifehe roe toañe e Ierosalaime ao. I Mesolemetee,
ana’ i Karotse nte-Iotebà, ty tahinan-drene’e. 20 Nanao haratiañe ampivazohoa’
Iehovà re manahake i Menasè rae’ey. 21 Le fonga nañaveloa’e ty fañaveloan-drae’e,

naho nitoroñe o hazomanga nitoroñen-drae'eo vaho nitalahoa'e. 22 Naforintse'e
t'IEHOVÀ Andrianañaharen-droae'e vaho tsy nañaveloe'e ty lala' IEHOVÀ. 23 Nikililia'
o mpitoro' i Amoneo vaho zinevo' iareo añ'anjomba'e ao. 24 Vinono' ondati' i taneio
amy zao ondaty nikinia i Amone mpanjakao le nanoe' ondati' i taneio mpanjaka
t'Iosia, ana'e, handimbe aze. 25 Aa naho o fitoloñañe nanoe' i Amone ila'eo, tsy fa
sinokits' amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka' Iehodaoy hao? 26 Nalentek' an-kibori'e
an-golobo' i Ozà ao re vaho nandimbe aze nifehe t'Iosià[*] ana'e.

# 22

1 Valo taoñe t'Iosià te namototse nifeleke, vaho nifehe telopolo taoñe raik' amby
e Ierosalaime ao. Iedidae[*], anak' ampela' i Adaià[†] nte-Bots'kate[‡], ty tahinan-
drene'e. 2 Nanao soa am-pivazohoa' IEHOVÀ re naho nañavelo an-tsata' i Davide
rae'e vaho tsy nitsile mb'an-kavana ndra mb'ankavia. 3 Ie amy taom-paha-folo-valo-
ambi' Iosià mpanjakay, le nampihitrife' i mpanjakay t'i Safane[§], ana' i Atsaliaho[*]
ana' i Mesolame[†] mpanokitse mb' añ' anjomba' IEHOVÀ mb'eo, ami'ty hoe: 4 Akia
mb'amy Kilkià[‡] mpisoroñe hamolily o volafoty fa nasese añ'anjomba' IEHOVÀo, o
natonto' o mpañambin-dalambeio am' ondatioo; 5 le ampanesefo am-pità' o mpanao
i fitoloñañeio, amo mpisary i anjomba' IEHOVÀio; le hatolo' iereo amo mpifanehak'
añ' anjomba' IEHOVÀo hamboareñe o vakivaky amy anjombaio; 6 amo mpandranjio,
naho amo mpamboatseo naho amo mpandranjy vatoo naho hiviliañe hatae naho vato
pinèke hampisomontieñe i anjombay, 7 vaho tsy ampivolilieñe o tolorañe i drala am-
pitañeio, amy te matoe ty fitoloña' iareo. 8 Le hoe t'i Kilkià, mpisoroñe, amy Safane,
mpanokitse; Nitreako añ' anjomba' IEHOVÀ ao ty boke Hake. Le natolo' i Kilkià amy
Safane, vaho vinaki'e. 9 Nimb' amy mpanjakay mb'eo t'i Safane mpanokitse vaho
nahere'e amy mpanjakay ty saontsy manao ty hoe: Fa natonto' o mpitoroñeo o drala
niisak' añ' anjombao vaho natolo' iereo am-pità' o mpitoloñe misary ty anjomba'
IEHOVÀO; 10 le tinaro' i Safane amy mpanjakay ty hoe: Nanese boke amako t'i Kilkia
mpisoroñe. Aa le nivakie' i Safane añatrefa' i mpanjakay.
11 Ie jinanji' i mpanjakay ty enta' i boke Hakey, le rinia'e o saro'eo; 12 le linili' i
mpanjakay t'i Kilkia mpisoroñe, naho i Akikame[§], ana' i Safane naho i Akbore[*] ana'
i Mikaià[†] naho i Safane mpanokitse vaho i Asaià[‡] mpitoro' i mpanjakay ami'ty hoe:
13 Akia, añontaneo am'IEHOVÀ ho ahy naho ondatio naho Iehoda iaby o tsara' i boke
nioniñeio, fa akore ty haviñera' IEHOVÀ misolebotse amantika, ie tsy hinaon-droaen-
tika o tsara ami'ty boke toio; hera fonga hanoe'e aman-tikañe o sinokitseo. 14 Aa le
nimoak' amy Koldàe[§] mpitoky ampela, vali' i Salome[*], ana' i Tikvà[†], ana' i Karkase[‡]
mpañambin-tsikiñe, mpimoneñe e Ierosalaime an-kibohom-panokiram-boke ao, t'i
Kilkià mpisoroñe naho i Akikame, naho i Akbore naho i Safane vaho i Asaià, le
nifañaoñe ama'e. 15 Le hoe re am' iereo, Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele,
Saontsio indaty nañirak' anahareo amakoy, 16 Hoe ty tsara' IEHOVÀ: Mahaoniña
te hametsahako hankàñe ty toetse toy naho o mpimoneñe ama'eo; toe ze hene
enta' i boke' vinaki' i mpanjaka' Iehoday; 17 amy te naforintse' iereo raho naho
nañenga aman-drahare ila'e, hanigike ty haviñerako amo satam-pità' iareoo; aa
le hisolebotse ami'ty toetse toy ty haviñerako vaho tsy hakipeke. 18 Fe hoe ty ho

---

[*] 21:26 Iosià: ty afo' IEHOVÀ [*] 22:1 Iedidà: ikokoañe [†] 22:1 Adaià: ty valolombelo' IEHOVÀ [‡] 22:1 Bots'kate: tambohomboho an-tane mira [§] 22:3 Safane: bitro; valavo; soñi' iareo [*] 22:3 Atsaliaho: marine IEHOVÀ [†] 22:3 Mesolame: Mpiama'e; mpampilongo; ; [‡] 22:4 Kilkià: anjarako t'i Andrianañahare [§] 22:12 Akikame: rahalahy mpamale fate [*] 22:12 Akbore: valavo; vonotroboke [†] 22:12 Mikaià: (Mikà) rarake; mireke [‡] 22:12 Asaià: namboaren'Añahare [§] 22:14 Koldà: ty voatse toy [*] 22:14 Salome: fonitse, heneke; tea-vintañe [†] 22:14 Tikvà: fitamàñe; taly bory; fivory [‡] 22:14 Karkase: habosehañe

saontsieñe amy mpanjaka' Iehodà nañirak' anahareo hañontane amy Iehovày: Hoe
t'Iehovà, Andrianañahare' Israele: ty amo tsara inanji'oo, [19] kanao mitrotrotrotro ty
arofo'o naho nireke añatrefa' Iehovà, ie jinanji'o i vinolako ami' ty toetse toiy naho
amo mpimone'eo, t'ie ho fatra naho fatse, vaho te rinia'o o saro'oo vaho nirovetse
añatrefako; le toe tsinanoko rehe, hoe t'Iehovà. [20] Aa le oniño te hatontoko aman-
droae'o rehe, le hambineñe an-kibori'o ao an-kanintsiñe, vaho tsy ho isam-pihaino'o
ty hankàñe hafetsako ami'ty toetse toy. Aa le nahere' iareo amy mpanjakay i entañe
zay.

# 23

[1] Nampañitrike i mpanjakay, le natontoñ' ama'e ze hene androanavi' Iehoda naho
Ierosalaimeo. [2] Le nionjomb' añ' anjomba' Iehovà mb'eo i mpanjakay rekets' ondati'
Iehoda iabio naho ze fonga mpimone' Ierosalaime naho mpisoroñe naho mpitoky,
naho ze kila ondaty, ty kede naho ty bey, vaho hene vinaki'e an-dravembia' iareo ze
tsara amy bokem-pañina nitendrek' añ' anjomba' Iehovày. [3] Nijohañe ami'ty fahañe
eo i mpanjakay naho nifañina añatrefa' Iehovà, t'ie hañavelo am-pañorihañe Iehovà
naho hiambeñe o lili'eo naho o taro'eo vaho o fañè'eo añ' ampon' arofo naho an-
kaliforam-pañova, hahatafetera'e o tsara' i fañina sinokitse amy bokeio; le niantofa'
o fonga ondatio i fañinay.
[4] Linili' i mpanjakay amy zao t'i Kilkià mpisoroñe naho o mpisoroñe am-
pirimboñañe faha-roe naho o mpitan-dalambeio, ty hañakara' iareo an-kivoho'
Iehovà ze fanake nanoeñe amy Baale naho an-tsamposampo naho amy valobohòn-
dikerañey; le niforototoe'e alafe' Ierosalaime an-kivo' i Kidrone ao vaho nendese'e
mb'e Betele añe ty laveno'e. [5] Nafotsa'e iaby o mpisorom-pahasive noriza' o
mpanjaka' Iehodao hañenga amy ze toets' abo amo rova' Iehodào, naho amo toetse
mañohoke Ierosalaimeo; le o nañenga amy Baale, amy àndroy, amy volañey, amo
vasiañe mifamorohotseo, vaho amy valobohòn-dikerañeio. [6] Naaka'e añ' anjomba'
Iehovà mb' alafe' Ierosalaime mb'eo, mb'an toraha' i Kidroney o Aserào naho
finorototo'e an-toraha' i Kidrone ey naho dinemodemo'e ho bo vaho nafitse'e amo
kibori' o ana' ondatio i debokey. [7] Narotsa'e o kibohom-borololo* añ'ila' i anjomba'
Iehovày amy fanenoñan-drakemba o tèmen' Aseràoy. [8] Fonga nakare'e amo rova'
Iehodao o mpisoroñeo naho nileore'e o toets' abo nañemboha' o mpisoroñeo
mifototse e Geba pake Beeresebà vaho narotsa'e o toets' abo am-pimoahañe i
lalambei' Iehosoà bein-tanañeio, am-pitàn-kavia an-dalambei' i rovaio. [9] ie amy
zao tsy nionjom-b' amy kitreli' Iehovà e Ierosalaimey añe o mpisoron-toets'aboo,
f'ie nitrao-pikama mofo tsi-aman-dalivae amo rahalahi'eo. [10] Nileore'e ty Topete†,
am-bavatane' i ana' i Hinomey‡, tsy hampirangà' ondaty añ'afo' i Moleke§ ao ty ana-
dahi'e ndra ty anak' ampela'e. [11] Nafaha'e o soavala noriza' o mpanjaka' Iehodao
amy àndroy, am-pimoahañe añ' anjomba' Iehovà, marine' ty efe' i Matane-meleke,
vosie, am-pariparitse ey, vaho finorototo'e añ' afo o sareten' androo. [12] Le narotsa'
i mpanjakay i kitrely an-tafo' i efetse ambone' i Ahkaze namboare' o mpanjaka'
Iehodaoy naho o kitreli' i Menasè niranjie'e an-kiririsa roe' i anjomba' Iehovà eio
le dinemodemo'e vaho nahifi'e an-torahan-Kidrone ao ty debo'e. [13] Le nileore' i
mpanjakay o tamboho aolo' Ierosalaime am-pitàn-kavanan-kaboan-kaleorañeo, i
namboare' i Selomò mpanjaka' Israele amy Astorete, ty haloloa' o nte-Tsidoneo,
naho amy Kemose, ty haloloa' o nte-Moabeo vaho amy Milkome, ty haloloa' o
ana' i Amoneo. [14] Dinoro-demo'e o saren-drahao naho finira'e o hazomangao,
vaho natsafe'e taola' ondaty o toe'eo. [15] Le i kitrely e Beteley, naho i toets' abo'

* **23:7** Borololo: lahy mpipay lahy hiharoa'e † **23:10** Tobete: langoro; mivalik' ama' ondaty ‡ **23:10** Hinome: heheke iereo!; o vara' iareoo § **23:10** Moleke: mpanjaka (samposampoe)

Iarovame namboare' i ana' i Nebate nampanan-kakeo Israeley; fonga narotsa'e i
kitreliy naho i toets' aboy, le finorototo'e i toets' aboy, naho dinemodemo'e ho
deboke vaho hinotomomo'e i Aseràỳ. 16 Ie nitolike t'Iosià, le niisa'e o kibory an-
kaboañeio naho nampañitrife'e naho nakare'e amy kibory rey o taolañeo vaho
finorototo'e ambone' i kitreliy handeora'e aze, hambañe amy tsara' IEHOVÀ tsinei'
indatin' Añahare nikoike irezaiy. 17 Aa hoe re, Lona' ia o treakoo? Le hoe ondati' i
rovaio ama'e: Kibori' indatin' Añahare niheo mb'etoa boak' Iehoda nitsey o raha
anoe'o amy kitreli' i Beteleioy.* 18 Le hoe re: Adono; ko apo' areo ho tsiborè'
ondaty o taola'eo. Aa le nado' iareo o taola'eo, rekets' o taola' i mpitoky boake
Someroneio. 19 Nafaha' Iosià iaby o anjomban-toets' abo an-drova' i Somerone
namboare' o mpanjaka' Israeleo nampiviñetse IEHOVÀo, le hene nanoe'e am' iereo
i nanoe'e e Beteley. 20 Fonga zinevo'e ambone kitrely eo o mpisoron-toets' abo taoo
naho noroa'e ambone' iereo ty taola' ondaty; vaho nimpoly mb'e Ierosalaime mb'eo.
21 Linili' i mpanjakay o hene ondatio, ami'ty hoe: Ambeno i fihelañ' ambone' IEHOVÀ
Andrianañahare'oy, i sinokitse amy bokem-pañinaiy. 22 Aa le mboe lia'e tsy nanoeñe
ty fihelañ' ambone manahake zay boak' añ'andro' o mpizaka nizaka Israeleo ndra
amo androm-panjaka' Israeleo naho o mpanjaka' Iehodào; 23 amy taom-paha-folo-
valo' ambi' Iosià mpanjakay ty nañambenañe i fihelañ' ambone am' IEHOVÀỳ e
Ierosalaime ao. 24 Fonga nafaha' Iosià ze mpandrombo angatse naho jiny naho
terafime naho hazomanga vaho ze hene haloloañe nizoeñe an-tane' Iehoda naho e
Ierosalaime ao hamente ty enta' i Hake sinokitse amy boke nioni' i Kilkià mpisoroñey
añ'anjomba' IEHOVÀ aoiy.

25 Le tsy eo ty nañirinkiriñe aze amy ze mpanjaka niaolo aze, ie nitolik' am'
IEHOVÀ an-kaampon' arofo naho an-kaliforam-pañova vaho an-kene haozara'e, ty
amy Hà' i Mosey; ie tsy amam-panonjohy nitroatse nanahak' aze. 26 Fe tsy nitolik'
amy fifombo'e niforoforoy t'IEHOVÀ, amy haviñera'e nisolebotse am' Iehodà, ty amo
fonga sigý nisigihe' i Menasè Azeo. 27 Le hoe t'IEHOVÀ, hafahako am-pahatreavako
t'Iehoda, manahake ty nañafahako Israele vaho hahifiko añe ty rova jinoboko toy
naho i anjomba nataoko ty hoe: Ho ao i añarakoiy. 28 Aa naho o fitoloña' Iosià
ila'eo, o raha nanoe'e iabio, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o mpanjaka'
Iehodaoy hao? 29 Ie tañ' andro'e le nionjo haname ty mpanjaka' i Asore t'i Parò-
Nekò† mpanjaka' i Mitsraime mb'an-tsaka Perate añe; nomb' ama'e mb'eo t'Ioase,
mpanjaka, fe vata'e niisa'e le zinevo'e e Megidò añe. 30 Nitakone' o mpitoro'eo an-
tsarete i fañova'ey, nendese' iereo mb'e Ierosalaime mb'eo vaho nalentek' an-kibori'e
ao. Rinambe ondati' i taneio t'Iehoakaze‡, ie ty noriza' iareo ho mpanjaka handimbe
an-drae'e.

31 Roapolo-taoñe telo' amby t'Iehoakaze te niorotse nifehe, le nifeleke telo volañe e
Ierosalaime ao; i Kamotale§, ana' Irm-meà* nte-Libnà, ty tahinan-drene'e. 32 Nanao
haratiañe am-pivazohoa' IEHOVÀ re manahake o fonga satan-droae'eo. 33 Le vinaho'
i Parò-Neko e Ribà an-tane Kamate añe re, tsy hameleha'e t'Ierosalaime; le sinaze'e
talenta zato volafoty naho talenta volamena raike i taney. 34 Le nanoe' i Parò-
Neko mpanjaka t'i Eliakime ana' Iosia handimbe an-drae'e Iosia naho novae'e ho
Iehoiakime ty tahina'e naho nendese'e mb'e Mitsraime mb'eo t'Iehoakaze, vaho
nihomake añe. 35 Natolo' Iehoiakime amy Parò i volafoty naho volamenay, le
nangalà'e haba i taney ty amy lili' i Paròỳ; rinambe'e am' ondati' i taneio i
volafoty naho volamenay, sambe ty amy vili-loha'ey, hanolotse aze amy Parò-Neko.
36 Roapolo-taoñe lime amby t'Iehoiakime te niorotse nifehe; vaho nifeleke folo-taoñe

* **23:17** Mp I 13:1-22, 31 † **23:29** Neko: kepeke ‡ **23:30** Iehoakaze: fanaña' IEHOVÀ § **23:31** Kamotale: ty talinjo' i hatrevoha'ey * **23:31** Ieremià: fañonjonañe i Talè

raik’ amby e Ierosalaime ao; i Zebidà†, ana’ i Pedaià‡ nte-Romà§, ty tahinan-drene’e.
37 Le nanao haratiañe am-pivazohoa’ IEHOVÀ re manahake o satan-droae’eo.

# 24

1 Nionjomb’eo tañ’andro’e t’i Nebokadnetsare*, le nimpitoro’e telo taoñe
t’Iehoiakime; naho nivalike vaho niola’e, 2 vaho nirahe’ IEHOVÀ ama’e ty firimboñan-
dahindefon-te-Kasdý, naho ty firimboña’ o nte-Arameo naho ty firimboña’ o nte-
Moabeo, naho ty firimboña’ o Ana’ i Amoneo; nampihitrife’e am’ Iehoda handrotsak’
aze, ty amy tsara nafe’ IEHOVÀ añamo mpitoro’e mpitokio. 3 Toe i lili’ IEHOVÀy
ty nivotraha’ izay am’ Iehoda, hanintake iareo tsy hahavazoho’e, ty amo hakeo’ i
Menasèo, naho o fitoloña’e iabio, 4 naho o lio-maliñe nampiorihe’eo, fa natsafe’e
lio-màliñe t’Ierosalaime, ze tsy nimetea’ IEHOVÀ hapoke. 5 Aa naho o fitoloña’
Iehoiakime ila’eo, o nanoe’e iabio, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliañe o
mpanjaka’ Iehodaoy hao? 6 Nitrao-piròtse aman-droae’e ao t’Iehoiakime le nandimbe
aze nifehe t’Iehoiakine† ana’e. 7 Le tsy nionjo boak’ an-tane’e añe ka ty mpanjaka’
i Mitsraime, amy te tinava’ ty mpanjaka’ i Bavele ze hene hanañam-panjaka’ i
Mitsraime boak’ an-Toraha’ i Mitsraime pak’ an-tSaka-Parate añe.
8 Ni-folo-taoñe valo’ amby t’Iehoiakine te niorotse nifehe, le nifeleke e Ierosalaime
ao telo-volañe. I Nekostà, ana’ i Elnatane‡, nte-Ierosalaime, ty tahinan-drene’e.
9 Nanao haratiañe am-pivazohoa’ IEHOVÀ re manahake o fonga satan-droae’eo.
10 Nionjomb’e Ierosalaime mb’eo henane zay o mpitoro’ i Nebokadnetsare mpanjaka’
i Baveleo, nañarikatoke i Rovay. 11 Nivotrak’ amy rovay t’i Nebokadnetsare
mpanjaka’ i Bavele ie fa nañarikatohe’ o mpitoro’eo. 12 Niavotse mb’ amy mpanjaka’
i Baveley t’Iehoiakine mpanjaka’ Iehoda, ie naho i rene’e naho o mpitoro’eo naho o
ana-dona’eo naho o mpifehe’eo; vaho ninday aze an-drohy an-taom-pifehea’e faha-
valo ty mpanjaka’ i Bavele. 13 Hene nakare’e o vara añ’ anjomba’ IEHOVÀo naho o
vara añ’ anjomba’ i mpanjakaio, le songa pinatepate’e o fanake volamena tsinene’ i
Selomò mpanjaka’ Israele an-kivoho’ IEHOVÀo, ty amy tsara’ IEHOVÀy. 14 Le nendese’e
an-drohy mb’eo iaby t’Ierosalaime naho o roandria’eo naho o fanalolahi’eo, mpirohy
rai-ale, vaho ze hene mpandranjy naho mpanefe, le tsy aman-konka’e naho tsy o
rarake am’ ondati’ i taneio avao. 15 Aa le nendese’e an-drohy mb’e Bavele mb’eo
t’Iehoiakine, naho nente’e ty rene’ i mpanjakay naho o valim-panjakao naho o
mpifehe’eo vaho o mpiaolo amy taneio boak’ Ierosalaime sikala e Bavele añe an-
drohy. 16 Le o fanalolahy iabio: fito arivo, naho o mpandranjio vaho o mpanefeo,
arivo, songa naozatse nahafialy, sindre nasese’ i mpanjaka’ i Baveley an-drohy mb’e
Bavele añe. 17 Nanoe’ i mpanjaka’ i Baveley mpanjaka t’i Matanià§, rahalahin-drae’
i Iehoiakine handimbe aze vaho novae’e ho Tsidkià* ty tahina’e. 18 Roapolo taoñe
raik’ amby t’i Tsidkià te niorotse nifehe; le nifehe folo-taoñe raik’ amby e Ierosalaime
ao; i Hamotale, ana’ Iiremeià nte-Libnà, ty tahinan-drene’e. 19 Nanao haratiañe
am-pivazohoa’ IEHOVÀ re, hambañe amy nanoe’ Iehoiakime iabiy. 20 Toe niatreatre
Ierosalaime naho Iehoda ty haviñera’ IEHOVÀ ampara’ te rinoa’e boak’ añ’ atrefa’e
eo. Toe niola amy mpanjaka’ i Baveley t’i Tsidkià.

# 25

1 Ie tamy taom-paha-sive’ i fifehea’ey, amy andro faha-folo’ i volam-paha-folo’ey
te nivotrak’ eo t’i Nebokadnetsare mpanjaka’ i Bavele, ie naho o lahindefo’e

---

† **23:36** Zebidà: tinolotse; manolotse ‡ **23:36** Pedaià: fijebaña’ IEHOVÀ § **23:36** Romà: naonjoñe; mierañe; naforintseñe * **24:1** Nebokadnetsare: fiñeoñeon-jaka † **24:6** Iehoiakine: fanalanka’ IÀ, i haozara’e ‡ **24:8** Elnatane: tolots’Añahare § **24:17** Matanià: fampitama’ IEHOVÀ * **24:17** Tsidkià; ty haton-jaka’ IEHOVÀ

iabio, haname Ierosalaime naho nitobe ama'e vaho nandranjy rafim-pamofohañe
niarikatok' aze. 2 Le niarikatoheñe pak' amy taom-paha-folo-raik' ambi' i Tsidkiày
i rovay. 3 Ie tamy andro faha-sive' i volam-pah' efatseiy, lineveleve' ty hasalikoañe
o an-drovao, naho tsy ama' mahakama ondati' i taneio. 4 Niboroboñafeñe i rovay
le fonga nipolititse amy haleñey o lahin-defoñeo nimb' amy lalañe añivo' ty kijoly
roe marine' i golobom-panjakaiy mb'eo, f'ie natretrè' o nte-Kasdy nañarikatoke i
rovaio te nomb' an-dala' i montoñey mb'eo. 5 Nihoridañe' o lahindefoñe nte-Kasdio
i mpanjakay le nitrà' iereo amonto' Ierikoo ey; vaho fonga niparaitake ama'e o
lahindefo'eo. 6 Aa le nasese' iareo amy mpanjaka' i Baveley e Riblà ao i mpanjakay,
le zinaka'e. 7 Zinevo' iereo añatrefam-pihaino'e o ana-dahi' i Tsidkiào naho napoliti'
iareo o fihaino' i Tsidkiào naho vinahotse torisike vaho nasese mb'e Bavele añe.
8 Ie amy androm-paha-fito' i volam-paha-limeiy, ty taom-paha-folo-sive' ambi' i
Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele, le nivotrake e Ierosalaime ao t'i Nebozaradane,
mpifehem-piambeñe, mpitoro' i mpanjaka' i Baveley; 9 le finorototo'e ty anjomba'
IEHOVÀ naho ty anjomba' i mpanjakay naho ze hene anjomba e Ierosalaime ao; fonga
nampangotomomohe'e añ' afo ze anjomba' ondaty bey. 10 Le rinotsa' o lahindefo
nte-Kasdý nindre amy talem-piambeñeio o kijoli' Ierosalaime nañariary azeo. 11 Hene
nendese' i Nebozaradane an-drohy ze sehanga' ondaty amy rovay ao, naho ze nikapo-
trake, o nivalike mb'amy mpanjaka' i Baveleo, vaho o honkahonka' i valobohòkeio.
12 Fe nenga' i talem-piambeñey o rarake amy taneio ho mpañalahalam-bahe vaho
mpihare. 13 Dinemodemo' o nte-Kasdio o fahañe torisike añ' anjomba' IEHOVÀo
naho i sajoa torisike reke-tombo'e añ'anjomba' IEHOVÀy, vaho nente' iareo mb'e
Bavele mb'eo i torisikey. 14 Nendeseñe añe ka o valàñeo naho o endraendrao, o
fampikipehañeo, naho o fingao, naho o fonga fanake torisike fitoroñañeo.
15 Nendese' i talem-piambeñey añe o fañembohañeo naho o kovetao, ze raha
volamena ty ami'ty volamena'e, naho ze volafoty ty ami'ty volafoti'e. 16 I fahañe
roe rey, i sajoa-beiy, naho o kalesy niranjie' i Selomò ho a i anjomba' IEHOVÀio; tsy
nionin-danja ty torisike amo fanake iabio. 17 Folo kiho valo' amby ty haabo' ty fahañe
raike, le tama'e i satro'e torisikey; telo kiho i satro'ey; tsingarakarake naho dagoa ty
nañarikatoke i satro'ey, fonga torisike; nihambañe ama'e i fahañe faharoey naho
i tsingarakara'ey. 18 Rinambe' i talem-pañambeñey t'i Seraià mpisorom-bey naho
i Tsefanià mpisorom-paharoe, naho ty mpitan-dalañe telo; 19 le rinambe'e ty vosi'e
nanoeñe mpifehe' o lahindefoñeo, naho ondaty lime mpiatreke i mpanjakay nizoeñe
an-drovao naho i mpanoki' i mpiaolom-balobohòke mpikoike ondati' i taneioy,
reketse ty lahilahy enempolo am' ondati' i taney nitendrek' an-drovao. 20 Nendese'
i Nebozaradane talèm-piambeñe iereo naho nasese'e mb'amy mpanjaka' i Baveley
e Riblà ao, 21 vaho zinevo' i mpanjaka' i Baveley, zinama'e e Riblà an-tane' Kamate.
Aa le nakareñe an-tane'e vaho nasese an-drohy añe t'Iehodà.
22 Aa ty am'ondaty nengañe an-tane' Iehodào, o napò' i Nebokadnetsare mpanjaka'
i Baveleo, le nanoe'e ho mpifehe' iareo t'i Gedalià*, ana' i Akikame, ana' i Safane.
23 Ie hene nahajanjiñe o mpiaolo lahindefoñeo naho ondati'eo te nanoe' i mpanjaka'
i Baveley mpifehe t'i Gedalià, le nimb' amy Gedalià e Mitspà mb'eo t'Ismaele, ana' i
Netanià, naho Iohanane, ana' i Kareàke, naho i Seraià, ana' i Tankomete nte-Netofà,
vaho Ia'azanià, ana' ty nte-Makà rekets' ondati' iareoo. 24 Le nifañina am' iereo t'i
Gedalià naho am'ondati'eo, nanao ty hoe: Ko hembañe amo mpitoro' o nte-Kasdioo;
imoneño o taneo vaho toroño i mpanjaka' i Baveley, fa zay ty hahasoa anahareo. 25 Fe
ami'ty volam-paha-fito, le nimb'eo t'Ismaele, ana' i Netanià, ana' i Elisama tirim-
panjaka rekets' ondaty folo le zinevo' iareo t'i Gedalià, vinono' iereo naho o nte-
Iehoda naho nte-Kasdý nitraok' ama'e e Mitspào. 26 Niongak' amy zao ondaty iabio,

* 25:22 Gedalià: Engeko t'i Andriananañahare

ty kede naho ty bey, naho o mpifehe lahindefoñeo nimb’e Mitsraime mb’eo amy t’ie
nihembañe amo nte-Kasdio.
27 Ie amy taom-paha-telopolo-fito’ ambi’ ty naha mpirohi’ Iehoiakine mpanjaka’
Iehoda, amy andro faha-roapolo-fito’ ambi’ i volam-pahafitoiy, te naonjo’ Ivil-
merodake mpanjaka’ i Bavele amy taom-pamotoram-pifeleha’ey ty añambone’
Iehoiakine mpanjaka Iehoda boak’ am-porozò ao, 28 le namere aze vaho napo’e
ambone’ o fiambesam-panjaka mpindre ama’e e Baveleo i fiambesa’ey. 29 Sinolo’e
o sikim-pandrohiza’eo, le nikama añ’ atrefa’ i mpanjakay nainai’e amo hene
andro niveloma’eo. 30 Le i fiveloma’ey, nampamahane’ i mpanjakay aze ty anjara
mifanoitoy, ty anjara boak’ andro amo hene andro niveloma’eo.

# Fiantoñoñe I

1 I Dame, i Sete, i Enose,
2 i Kanàne, i Mahalaile, Ierede,
3 i Kenoke, i Metoselake, i Lameke,
4 i Noake, i Seme, i Kame vaho Iefete.
5 O ana’ Iefeteo: i Gomere naho i Magoge naho i Madaý naho Iavane naho i Tobale
naho i Meseke vaho i Tirase.
6 Le o ana’ i Gomereo; i Askenaze naho i Rifate* vaho i Togarmà.
7 Le o ana’ Iavaneo: i Elisà naho i Tarsise, i Kitime vaho i Rodanime.
8 O ana’ i Kameo; i Kose naho i Mitsraime, i Pote vaho i Kaanane.
9 Le o ana’ i Koseo, i Seba naho i Kavilà naho i Sabtà naho i Ramà vaho i Sabtekà.
Le o ana’ i Ramào, i Sebà naho i Dedane.
10 Nasama’ i Kose t’i Nimrode ze niorotse ho maozatse an-tane atoy.
11 Nasama’ i Mitsraime o nte-Lodeo, o nte-Anameo, o nte-Lehabeo, o nte-Maftokeo,
12 o nte-Patroseo, o nte-Kaslokeo (ty niboaha’ o nte-Pelistio) vaho o nte-Kaftoreo.
13 Nasama’ i Kaanane t’i Tsidone tañoloñoloña’e naho i Kete 14 naho i nte-Iebosý,
i nte-Amorey, i nte-Girgasý, 15 i nte-Kivý, i nte-Erekey, i nte-Siný, 16 i nte-Arvadey, i
nte-Tsemarý vaho i nte-Kamatey.
17 O ana’ i Semeo: i Elame naho i Asore naho i Arpaksade naho i Lode naho i Arame
naho i Oze naho i Kole naho i Getere vaho i Meseke.
18 Nasama’ i Arpaksade t’i Selà, le nasama’ i Selà t’i Evre.
19 Nahatoly ana-dahy roe t’i Evre: i Pelege† ty tahina’ ty raike, amy te tañ’ andro’e
ty fizarañe ty tane toy; Ioktane‡ ty tahinan-drahalahi’e.
20 Nasama’ Ioktane t’i Almodade naho i Selefe naho i Katsar’mavete naho Ierake
21 naho i Hadorame naho i Ozale naho i Diklà 22 naho i Ebale naho i Abimaele naho i
Sebà 23 naho i Ofire, i Kavilà vaho Iobabe. Songa ana’ Ioktane. 24 I Seme, i Arfaksade,
i Selà, 25 i Evre, i Pelege, i Rehò, 26 i Seroge, i Nakore, i Teràke, 27 i Avrame—toe
Avrahame.
28 O ana’ i Avrahameo: Ietsake naho Ismaele.
29 Zao o tarira’ iareoo: ty tañoloñoloña’ Ismaele: i Nebaiote, le i Kedare naho i
Adbile naho i Mibsame, 30 i Mismà naho i Domà, i Masà, i Kadade naho i Temà,
31 Ietore, i Nafise vaho i Kedemà. Ie i ana’ Ismaele rey.
32 Le o ana’ i Ketorà, sakeza’ i Avrahameo: nasama’e t’i Zimrame naho Ioksane
naho i Medane naho i Midiane naho Isbake vaho i Soake. Le o ana’ Ioksaneo: i Seba
naho i Dedane.
33 Le o ana’ i Midianeo: i Efà naho i Efere naho i Kanoke naho i Abidà vaho i Eldaà.
Songa ana-dahi’ i Ketorà.
34 Nasama’ i Avrahame t’Ietsake. O ana’ Ietsakeo; i Esave naho Israele.
35 O ana’ i Esaveo: I Elifaze, i Reoele naho Ieose naho Iaalame vaho i Korà.
36 O ana’ i Elifazeo: I Temane naho i Omare, i Tsefý naho i Gatame, i Kenaze naho
i Timnà vaho i Amaleke.
37 O ana’ i Reoeleo, i Nakate, i Zerake, i Samà vaho i Mizà.
38 O ana’ i Seireo: I Lotane naho i Sobale naho i Tsibone naho i Anànaho i Disone
naho i Etsere vaho i Disane.
39 O ana’ i Lotaneo: i Korý naho i Homame; le rahavave’ i Lotane t’i Timnà.
40 O ana’ i Sobaleo; i Aliane naho i Manakate naho i Ebale, i Sefý, vaho i Oname. O
ana’ i Tsiboneo: I Aià naho i Anà.
41 O ana’ i Anào: I Disone. O ana’ i Disoneo: I Khamrame naho i Esbane naho
Itrane vaho i Kerane.

* 1:6 Fot 10:3 † 1:19 Pelege: fizarañe ‡ 1:19 Ioktane; fifandierañe

42 O ana’ i Etsereo: i Bilhane naho i Zaavane vaho Iakane. O ana’ i Disaneo; i Oze naho i Arane.
43 Zao o mpanjaka nifehe an-tane’ Edome t’aolo ty nifeleham-panjaka o ana’ Israeleoo; i Bela, ana’ i Beore; i Dinhabà ty añaran-drova’e.
44 Ie nivilasy t’i Belà, le nandimbe aze nifehe t’Iobabe, ana’ i Zerake nte-Botsrà.
45 Ie nihomake t’Iobabe, le nandimbe aze nifehe t’i Kosame boak’ an-tane’ o nte-Tamaneo.
46 Ie nikoromake t’i Kosame le nandimbe aze nifehe t’i Kadade ana’ i Bedade, i nanjevo i Midiane an-tete’ i Moabey; i Avite ty añaran-drova’e.
47 Ie nivilasy t’i Kosame, le nandimbe aze nifehe t’i Samlà nte-Masrekà.
48 Ie nihomake t’i Samlà, le nandimbe aze nifehe t’i Saole nte-Rehobote marine’ i sakay.
49 Ie nikoromake t’i Saole, le nandimbe aze nifehe t’i Baalekanane ana’ i Akbore.
50 Ie nivilasy t’i Baale’kanane, le nandimbe aze nifehe t’i Hadade; i Pay ty añaran-drova’e naho i Mehetabele, anak’ ampela’ i Matrede, anak’ ampela’ i Mezahabe, ty tahinam-bali’e.
51 Nivilasy ka t’i Hadade. O talè’ i Edomeo: i Timnà, talè’, i Alià, talè, Ietete, talè,
52 i Oholibamà, talè, i Elà, talè naho i Pinone, talè, 53 i Kenaze, talè, i Temane, talè, i
Mibzare, talè, 54 i Magdiele, talè vaho Irame, talè. Zay o talè’ i Edomeo.

# 2

1 O ana’ Israeleo: i Reobene, i Simone, i Levý naho Iehoda, Iisakare naho i Zebolone,
2 i Dane, Iosefe naho i Beniamine, i Naftalý, i Gade vaho i Asere.
3 O ana’ Iehodao: i Ere naho i Onane vaho i Selà, nasama’e amy anak’ ampela’ i Soà nte-Kaananey i telo rey; Niraty ampivazohoa’ Iehovà t’i Ere tañoloñoloña’ Iehodà, le vinono’e.
4 Nasama’ i Tamare vinanto’e t’i Peretse naho i Zerake. Lime ty ana’ Iehodà naho
atontoñe. 5 O ana’ i Peretseo: i Ketsrone naho i Kamole.
6 O ana’ i Zerakeo: i Zimrý naho i Etane naho i Hemane naho i Kalkole vaho i Darà: lime t’ie atontoñe.
7 O ana’ i Karmìo: i Akare, ty mpitrobo’ Israele, i nandilatse amy raha nafàtseiy.
8 O ana’ i Etaneo: i Azarià.
9 O ana’ i Ketsroneo, o nisamak’ ama’eo: Ierakemeele naho i Rame naho i Kelobeý.
10 Le nasama’ i Rame t’i Aminadabe; naho nasama’ i Aminadabe t’i Naksone, talè o ana’ Iehodao;
11 Le nasama’ i Naksone t’i Salmà, le nasama’ i Salmà t’i Boaze,
12 Le nasama’ i Boaze t’i Ovede; le nasama’ i Ovede t’Isaý,
13 Le nasama’ Isaý t’i Eliabe, tañoloñoloña’e, i Abinadabe ty faharoe, i Simà ty
fahatelo, 14 i Netanele ty fahaefatse, i Raday ty fahalime, 15 i Otseme ty fah’ eneñe
vaho faha-fito t’i Davide; 16 ty rahavave’ iareo: i Tseroiae naho i Abigale. O ana’ i
Tseroiaeo: i Abisaý naho Ioabe naho i Asaele; telo.
17 Nasama’ i Abigale t’i Amasà, Ietere nte-Ismaele ty rae’ i Amasà. 18 Nahatoly anak’
amy Azobae vali’e naho amy Ieriotee t’i Kalebe ana’ i Ketsrone: le zao o ana-dahi’eo: Iesere naho i Sobabe vaho i Ardone.
19 Ie nihomake t’i Azobae, le nengae’ i Kalebe t’i Efratae ze nahatoly i Kore ho aze.
20 Nasama’ i Kore t’i Orý naho nasama’ i Orý t’i Betsal’èle.
21 Ie amy zay nimoak’ amy anak’ ampela’ i Makire rae’ i Giladey t’i Ketsrone le nengae’e ho vali’e ie ni-enem-polo taoñe vaho nisamaha’e t’i Segobe.
22 Le nasama’ i Segobe, t’Iaire, ie aman-drova roapolo-telo’ amby an-tane Gilade ao.
23 Rinambe’e t’i Gesore naho i Arame rekets’ o rova’ Iaireo naho i Kenate naho o rova’eo, rova enempolo. Songa ana’ i Makire rae’ i Giladeo.

24 Ie nihomake e Kalebe-efratae añe t'i Ketsrone, le nisamaha' i Abià vali' Ketsrone t'i Asore, rae' i Tekoa.

25 O ana-dahi' Ierakmeele tañoloñoloña' i Ketsroneo, le i Rame tañoloñoloña'e naho i Bonà naho i Orene naho i Otseme vaho i Akià.

26 Nanam-baly tovo'e t'Ierakmeele, i Atarà ty tahina'e, ie ty rene' i Oname.

27 O ana' dahi' i Rame, tañoloñoloña' Ierakmeeleo, le i Maatse naho Iamine vaho i Ekere.

28 O ana' i Onameo, le i Samaý naho Iadà. O ana' i Samaìo: i Nadabe naho i Abisore.

29 I Abihaile ty tahinam-bali' i Abisore; ie ty nisamake i Akbane vaho i Molide.

30 O ana' i Nadabeo: i Selede naho i Apaime; fe nihomake betsiterake t'i Selede.

31 O ana' i Apaimeo: Isý. Le o ana' Isìo: i Sesane. Le o ana' i Sesaneo: i Aklaý.

32 O ana' Ietere, rahalahi' i Samaìo; Ietere naho Ionatane; nihomake betsiterake t'Ietere.

33 O ana' Ionataneo: i Pelete naho i Zazà. Ana' Ierakmeele irezay.

34 Tsy nanan' ana-dahy t'i Sesane, fa anak' ampela avao. Le nanam-pitoroñe nte-
Mitsraime t'i Sesane, Iarkà ty tahina'e. 35 Natolo' i Sesane am' Iarkà mpitoro'e i anak'
ampela'ey ho vali'e, le nisamaha'e t'i Ataý.

36 Nasama' i Ataý t'i Natane le nasama' i Natane t'i Zabade.

37 Nasama' i Zabade t'i Eflale, le nasama' i Eflale t'i Ovede.

38 Nasama' i Ovede t' Iehò, le nasama' Iehò t'i Azarià.

39 Nasama' i Azarià t'i Keletse, le nasama' i Keletse t'i Eleasà.

40 Nasama' i Eleasà t'i Sisamaý, le nasama' i Sisamaý t'i Salome.

41 Nasama' i Salome t'Iekamià vaho nasama' Iekamià t'i Elisamà.

42 O ana' i Kalebe, rahalahi' Ierakmeeleo: i Mesà, tañoloñoloña'e, rae' i Zife; naho o ana' i Maresào, rae' i Kebrone.

43 O ana' i Kebroneo: i Korake naho i Tapoàke naho i Rekeme vaho i Semà.

44 Nasama' i Semà t'i Rakame, rae' Iorkoame; le nasama' i Rekeme t'i Samaý.

45 Ana' i Samaý t'i Maone; le rae' i Bete-tsore t'i Maone.

46 Nasama' i Efàe, sakeza' i Kaleba t'i Karane naho i Motsà naho i Gazeze; le nasama' i Karane t'i Gazeze.

47 O ana-dahi' Iedahio, i Regeme naho Iotame naho i Gesane naho i Pelete naho i Efà vaho i Saàfe.

48 Nasama' i Maakàe sakeza' i Kalebe t'i Sebere naho i Tirkanà. 49 Nasama'e ka t'i
Saafe, rae' i Madmanà naho i Seva rae' i Makbenà naho rae' i Gibà; i Aksà ty anak'
ampela' i Kalebe.

50 Ana' i Kalebe irezay. O ana' i Koreo tañoloñoloña' i Efratae, le i Sobale rae' i
Kiriate' Iearime 51 naho i Salmà rae' i Betlekheme naho i Karefe rae' i Bete-gadere.

52 Nanañ' ana-dahy ka t'i Sobale rae' i Kirjiate'Iearime: i Haroae naho ty vaki' o nte-Menokoteo.

53 O fifokoa' i Kiriate' Iearimeo: o nte-Ietroo naho o nte-Poteo naho o nte-Somào vaho o nte-Misrao; le boak' am' iereo o nte-Tsorao naho o nte-Estaoleo.

54 O ana' i Salmao: i Betelekheme naho o nte-Netofào naho i Atarote, anjomba' Ioabe naho ty vaki' o nte-Manakhateo, o Tsorào.

55 Le o fifokoa' o mpanokitse mpimoneñe e Iabetseoo: O nte-Tiraò naho o nte-Simào vaho o nte-Sokào; nte-Kaine boak'e Kemate, rae' i anjomba' i Rekabey iereo.

# 3

1 O ana-dahi' i Davide nitoly ama'e e Kebroneo: i Amnone amy Akinoame nte-
Iezreele ty tañoloñoloña'e; i Daniele amy Abigaile nte-Karmele ty faharoe; 2 i
Absalome ana' i Maakà anak' ampela' i Talmaý mpanjaka' i Gesore, ty fahatelo'e;
i Adonià ana' i Kagite ty fahaefa'e; 3 i Sefatià amy Abitale ty faha lime; Itreame amy
Eglàe vali'e, ty fah' eneñe. 4 Nisamak' ama'e e Kebrone ao i eneñe rey; ie nifelek' ao

fito-taoñe naho enem-bolañe; vaho nifehe telo-polo taoñe telo amby e Ierosalaime
ao.
5 O nisamak' ama'e e Ierosalaimeo, le: i Simeà naho i Sobabe naho i Natane naho i
Selomò; i efatse rey amy Batesoà* anak' ampela' i Amiele†; 6 le Ibhare naho i Elisamà
naho i Elipelete, 7 naho i Nogà naho i Nefege naho Iafià, 8 naho i Elisama naho i Eliada
vaho i Elifelete, sive. 9 Ie o ana-dahi' i Davideo, mandikoatse o amo sakeza'eoo; vaho
rahavave' iareo t'i Tamare.
10 Ana-dahi' i Selomò t'i Rekoboame; ana'e t'i Abiià, ana'e t'i Asa vaho ana'e
t'Iehosafate; 11 ana'e t'Iorame, ana'e t'i Ahkazià, ana'e t'Ioase, 12 ana'e t'i Amatsià,
ana'e t'i Azarià, ana'e t'Iothame 13 ana'e t'i Ahkaze, ana'e t'i Kezekià, ana'e
t'i Menasè, 14 ana'e t'i Amone, ana'e t'Iosià. 15 O ana' Iosiào; Iokanane ty
tañoloñoloña'e, Iehoiakime ty faharoe, i Tsidki ty fahatelo vaho i Salome ty fahefatse.
16 O ana' Iekoiakimeo: ana'e t'Iekonia, ana'e t'i Tsidkià. 17 O ana' Iekonià mpirohio;
ana'e t'i Salatiele 18 naho i Malkirame naho i Pedaià naho i Senats'tsare, Iekamià, i
Hosamà vaho i Nedabià. 19 O ana' i Pedaiào: i Zerobabele naho i Simeý; le o ana'
i Zerobabeleo: I Mesolame naho i Kananià vaho i Selomìte rahavave' iareo; 20 naho
i Kasobà naho i Ohele naho i Berekià naho i Kasadià vaho Iosabe-kesede, lime. 21 O
ana' i Kananiào, i Pelatià naho Iesaià, ana'e t'i Refaià; ana'e t'i Arnane; ana'e t'i
Obadià; ana'e t'i Sekanià. 22 Le o ana' i Sekaniào: i Semaià, le o ana' i Semaiào:
i Katose naho Igeale naho i Barià naho i Nearià vaho i Safate, eneñe. 23 O ana' i
Neariào: i Elioenay naho i Kezekià vaho i Azrikame, telo. 24 Le o ana' i Elioenaio: i
Hodaià naho i Eliasibe naho i Pelaia naho i Akobe naho Iokanane naho i Dalaià vaho
i Ananý, fito.

# 4

1 O ana'Iehodào: i Peretse naho i Ketsrone naho i Karmý naho i Kore vaho i Sobale.
2 I Reaià, ana' i Sobale ty nisamake Iakate; le nasama' Iakate t'i Akomày vaho i Lakade.
Ie fifokoa' o nte-Tsorào. 3 Zao o anan-drae' i Etameo: Iezreele naho Ismà naho Idbase;
naho anak' ampela'e t'i Hatselelponý, 4 naho i Penoele rae' i Gedore vaho i Ezere rae'
i Kosà. Ie ro ana' i Kore, tañoloñoloña' i Efratà rae' i Betlekheme. 5 Nanam-baly roe
t'i Asore, rae' i Tekoa, i Kelàe naho i Naarae. 6 Nasama' i Naarae ho aze t' i Akozame
naho i Kefere naho i Temený naho i Haakastarý. Ie ro ana' i Naarae. 7 Le o ana' Kelào:
i Tserete, Itskàre vaho i Etnane. 8 Nasama' i Koze t'i Anobe naho i Tsobebà vaho o
fifokoa' i Akarkele ana' i Karomeo. 9 Nanan-kasy ambone' o rahalahi'eo t'Iabetse le
tinokan-drene'e ty hoe Iabetse amy te, Nahatoly am-panaintaiñan-draho. 10 Kinanji'
Iabetse t'i Andriananañahare' Israele, ami'ty hoe: Ehe tahio Raho naho ampalalaho
ty feheko naho ampindrezo amako ty fità'o, hañarova'o ahy amy ze haratiañe mete
hanosotse! Le natolon' Añahare aze i nihalalia'ey.
11 Nasama' i Kelobe, rahalahi' i Soà t'i Mekire, rae' i Estone. 12 Nasama' i Estone t'i
Bete-rafà naho i Paseake naho i Tekinà, rae' Irnakase. Ie ro ondati' i Rekào. 13 O ana'
i Kenazeo: i Otniele naho i Seraià; le o ana' i Otnieleo: i Hatate vaho i Meonotae.
14 Nasama' i Meonotae t'i Ofrà; le nasama' i Seraià t'Ioabe, ty rae' i vavatane' i
Karasimey*; amy t'ie mpandranjy. 15 O ana' i Kalebeo, ana' Iefonè : Irò naho i Elà
vaho i Naame; le o ana' i Elào, i Kenaze. 16 O ana' Iehalelaleo; i Zife naho i Zifa naho i
Tirià vaho i Asarile. 17 O ana' i Ezrào: Ietere naho i Merede naho i Efere naho Ialone;
le ie ty nisamake i Miriame naho i Samaý naho Isbà, rae' i Estemoà. 18 Nasama' ty
vali' Iehodià t' Ierede rae' i Gedore naho i Kevere, rae' i Sokò naho Iekotiele rae' i
Zanoake. Ie ro ana' i Bitaiae anak' ampela' i Parò nengae' i Merede. 19 Le o ana' t'i
Hodià vali'e, rahavave' i Nakameo: rae' i Keilà nte-Garmý naho i Estemoà nte-Maakà.
20 O ana' i Simoneo: i Amnone naho i Rinà naho i Bene-Kanàne vaho i Tilone. O ana'

* **3:5** Batesoà: toe i Batesebà † **3:5** Amiele: Ondatin'A're; (Sa II 3. 5) * **4:14** Karasime: Mpandranjy

Isio: i Zokete naho i Bene-Zokete. 21 O ana' i Selà, ana' Iehodao: i Ere, rae' i Lekà
naho i Ladà, rae' i Maresà naho ty anjomba' o mpanenoñe leny boak' añ' anjomba' i
As'beào, 22 naho Iokime naho ondati' i Kozebà naho Ioase naho i Sarafe, nimpifeleke
e Moabeo naho Iasobì-lekeme (ty amo fiantoño'e haehaeo). 23 Nimpanao valàñe-
tane iereo, nimoneñe an-teteke finahetse hatae veloñe; ie nitobok' ao le nitoloñe
am-pitoloña' i mpanjakay.
24 O ana' i Simoneo; i Nemoele naho Iamine, Iaribe, i Zerake, i Saole. 25 I Salome
ana'e, i Mibsame ana'e, i Mismà ana'e. 26 O ana' i Mismao; i Kamoele ana'e, i Zakore
ana'e, i Simý ana'e. 27 Nanañ' ana-dahy folo-eneñ' amby naho anak' ampela eneñe
t'i Simý; fe tsy nanañ' anake fire o longo'eo, le tsy nitombo manahake o ana' Iehodào
ty fifokoa' iareo. 28 Ie nimoneñe e Beere-sebà ao naho e Moladà naho e Katsare-soale
29 naho e Bilhà naho e Etseme naho e Tolade 30 naho e Betoele naho e Kormà naho
e Tsiklage 31 naho e Bete-markabote naho e Katsare-sosime naho e Bete-birý vaho e
Saaraime. Ie nirova ampara' ty fifehea' i Davide. 32 O rova' iareoo: i Etame naho i
Aine naho i Rimone naho i Tokene vaho i Asane; rova lime; 33 le nañohoke i rova
rey ampara' i Baale eo o tanà' iareoo. Ie o fimoneña' iareo vaho am' iareo ao o
fiantoño' iareoo. 34 Le i Mesobabe naho Iamleke naho Iosà, ana' i Amatsià, 35 naho
Ioele naho Iehò, ana' Iosibià, ana' i Seraià, ana' i Asiele. 36 Le i Elioè-nahý naho
Ia'akobà naho Iesokaià naho i Asaià naho i Adiele naho Iesimiele vaho i Benaià.
37 Naho i Zizà ana' i Sifý, ana' i Alone, ana' Iedaià, ana' i Simrý, ana' i Semaià.
38 Songa nitalè' o fifokoa'eo i tinoñon-tahinañe rezay vaho niraorao ty anjomban-
droae' iareo. 39 Nimb' am-pimoahañe e Gedore mb'eo naho atiñana' i vavataney
mb'eo iereo nipay ty handrazeñe o lia-rai' iareoo. 40 Le tendreke fiandrazañe mitròñe
naho tane soa bei-henehene, ie nianjiñe naho nierañerañe amy te nimoneñe ao
haehae o nte-Kameo. 41 Le o sinokitse an-tahinañe retoañe ty nivotrake eo tañ' andro'
i Kezekià mpanjaka' Iehoda, le linafa' iereo o kiboho'eo naho ze nte-Meone nizoeñe
ao, le vata'e nimongorañe ampara henaneo vaho nimoneñe an-toe' iareo ao amy te
am-piandrazañe o lia-rai'eo. 42 Ty ila' iareo, o ana' i Simeoneo, ondaty liman-jato
nimb' am-bohi' i Seire mb'eo; le o mpifehe' iareoo: i Pelatià naho i Nearià naho
i Refaià vaho i Oziele, sambe ana' Iisý. 43 Le zinama' iareo ty ila' o nte Ameleke
nipolititseo vaho mimoneñe ao pak' androany.

# 5

1 O ana' i Reobeneo, tañoloñoloña' Israeleo, (toe ie ty valohan' ana'e fe nitivae'e ty
fandrean-drae'e le natolotse amo ana' Iosefe, ana' Israeleo ty zom-pisamaha'e, fe tsy
i zom-pisamahañey ty fiantoñoñe). 2 Naozatse te amo rahalahi'eo t'Iehoda, le boak'
ama'e ty talè; fe a Iosefe ty zon-tañoloñoloñañe. 3 O ana' i Reobene, tañoloñoloña'
Israeleo: i Kanoke naho i Palò, i Ketsrone vaho i Karmý. 4 O ana' Ioeleo: i Semaià,
ana'e t'i Goge, ana'e t'i Simý, 5 ana'e t'i Mikà, ana'e t'i Reaia, ana'e t'i Baale, 6 ana'e
t'i Beerà nendese' i Tilgate-pilnesere mpanjaka' i Asore añe an-drohy. Ie ty nitalè'
o nte-Reobeneo. 7 O rahalahi'eo ty amo hasavereña'eo, ty fiantoño' iareo, le Ieiele,
mpifehe naho i Zekarià 8 naho i Bela ana' i Azaze, ana' i Semà, ana' Ioele nimoneñe e
Aroere pake Nebò ao naho e Baale-meone; 9 naho maniñanañe, nimoneñe pak' amy
fimoahañe am-patrambe boak' an-tsaka Peratey amy te niraorao an-tane Gilade ao
o añombe' iareoo. 10 Nialy amo nte-Hagareo iereo tañ'andro' i Saole, le nihotrak'
am-pità' iareo vaho nimoneñe an-kiboho' iareo nanitsike i tane atiñana' i Giladey.
11 Nimoneñe tandrife iereo an-tane' i Basane ao pake Salkà añe o ana' i Gadeo.
12 Ioele, mpiaolo naho i Safame, mpanonjohy naho Iaanày vaho i Safate e Basane
ao. 13 Le o longo' iareo añ' anjomban-droae'eo: i Mikaele naho i Mesolame naho i
Sebà naho Ioràỳ naho Iakane naho i Zibà vaho i Evre, fito. 14 O ana' i Abikaileo, ana' i
Korý, ana' Ioroake, ana' i Gilade, ana' i Mikaele, ana Iesisày, ana' Iakdò, ana' i Boze;

[15] i Aký, ana' i Abdiele, ana' i Goný, mpiaoloñ' anjomban-droae' iareo. [16] Ie nimoneñe
e Gilade e Basane ao, amo rova'eo naho am-piandraza' i Sarone pak' añ' efe' iareo
añe. [17] Ie ro nivolilieñe am-piantoñoñe tañ' andro' Iotame, mpanjaka' Iehodà naho
tañ' andro' Iarovame, mpanjaka' Israele. [18] Efats'ale-tsi-efats'arivo-tsi-fitonjato-tsi-
enempolo ty nionjomb' añ'aly amo ana' i Reobeneo naho o nte-Gadeo naho i vakim-
pifokoa' i Menasèy, songa anake nahasibeke, ondaty nahafinday fikalañe naho fibara
naho nahafañòhatse fale vaho nahimbañe an-kotakotake, efats' ale-tsi-efats'arivo-tsi-
fiton-jato-tsi-enempolo ty nimbañ' aly. [19] Nialia' iareo o nte-Hagrio naho Ietore naho
i Nafise vaho i Nodabe. [20] Nimbaeñe iereo, le natolotse am-pità' iareo o nte Hagrio
rekets' o mpiama'e iabio; amy te nikanjie' iareo an-kotakotak' ao t'i Andriananañahare,
le vinale'e i halaliy, amy t'ie niato. [21] Fonga tinava' iareo o añombe'eo; naho ty
rameva' iareo lime-ale naho añondry roe-hetse-tsi-lime-ale naho borìke ro'arivo;
naho sandriñe rai-hetse. [22] Le maro ty nitsingoro ho mate amy te an' Andriananañahare
i aliy. Le nimoneñe ao iereo nandimbe iareo pak'amy fandrohizañey. [23] Nimoneñe
amy taney o ana' i vakim-pifokoa' i Menasèio, le nihamaro boake Basane pake
Baale-kermone naho e Senire vaho pak' am-bohi-Kermone añe. [24] Le o mpiaolon'
anjomban-droae' iareoo: i Efere naho Isý naho i Eliele naho i Azriele naho Iiremià
naho i Hodavià vaho Iakdiele, fanalolahy, maram-bintañe songa talèn' anjomban-
droae'e, [25] f'ie niota aman' Añaharen-droae' iareo, nañarapilo mb' amo ndrahare'
ondati' i tane' rinoan' Añahare aolo' iareoo. [26] Aa le nitroboen' Añahare' Israele ty
tro' i Pole mpanjaka' i Asore naho ty tro' i Tilgate-Pilnesere mpanjaka' i Asore, le
nendese' iereo añe o nte-Reobeneo naho o nte-Gadeo vaho i vakim-pifokoa' o nte-
Menasèoy; nenteñe mb'e Kalake naho e Kabore naho e Karà vaho mb'an-tsaka' i
Gozane añe pak' androany.

[27] O ana' i Levio: i Gersone naho i Kehàte vaho i Merarý. [28] O ana' i Kehàteo: i
Amrame naho Iitsare naho i Kebrone vaho i Oziele. [29] O ana' i Amrameo: i Aharone
naho i Mosè vaho i Miriame. O ana' i Aharoneo: i Nadabe naho i Abihoo, i Elazare
vaho Itamare. [30] Nasama' i Elazare, t'i Pinekase, le nasama' i Pinekase t'i Abisoa.
[31] Nasama' i Abisoa t'i Boký le nasama' i Boký t'i Ozý. [32] Nasama' i Ozý t'i Zerakià,
le nasama' i Zerakià, t'i Meraiote. [33] Nasama' i Meraiote t'i Amarià, le nasama' i
Amarià t'i Akitobe. [34] Nasama' i Akitobe t'i Tsadoke, le nasama' i Tsadoke t'i Akimatse.
[35] Nasama' i Akimatse t'i Azarià, le nasama' i Azarià t'Iokanane. [36] Nasama' Iokanàne
t'i Azarià (ie ty nitoloñe ho mpisoroñe amy anjomban' Añahare rinafi' i Selomò
e Ierosalaimey.) [37] Nasama' i Azarià t'i Amarià, le nasama' i Amarià t'i Akitobe.
[38] Nasama' i Akitobe t'i Tsadoke, le nasama' i Tsadoke t'i Salome. Nasama' i [39] Salome
t'i Kilkià, le nasama' i Kilkià t'i Azarià. [40] Nasama' i Azarià t'i Seraià, le nasama' i
Seraià t'Iehotsadake. [41] Nasese an-drohy t'Iehotsadake amy nanesea' IEHOVÀ am-pità'
i Nebokadnetsare t'Iehodà naho Ierosalaime.

# 6

[1] O ana' i Levio: i Gersome, i Kehàte vaho i Merarý. [2] Zao ty tahina' o ana' i
Gersomeo: i Libný naho i Simý. [3] O ana' i Kehàteo: i Amrame, Itshare naho i Kebrone
vaho i Oziele. [4] O ana' i Merario: i Maklý naho i Mosý, le zao o hasavereña' o nte-
Levio ty aman-droae'eo. [5] I Gersone: ana'e t'i Libný, ana'e t' Iakate, ana'e t'i Zimà,
[6] ana'e t'Ioà, ana'e t'Idò, ana'e t'i Zerake, ana'e t'Ieateray. [7] O ana' i Kehàteo: ana'e
t'i Aminadabe, ana'e t'i Korake, ana'e t'i Asire, [8] ana'e t'i Elkanà, ana'e t'i Ebiasafe,
ana'e t'i Asire, [9] ana'e t'i Takate, ana'e t'i Oriele, ana'e t'i Ozià, ana'e t'i Saole. [10] O
ana' i Elkanao: i Amasay naho i Akimote. [11] Ty amy Elkanà: o ana' i Elkanào: ana'e
t'i Zofay, ana'e t'i Nakate, [12] ana'e t'i Eliabe, ana'e t'Ierokame, ana'e Elkanà. [13] O ana'
i Samoeleo; tañoloñoloña'e t'i Vasný naho i Abià. [14] O ana' i Merario: i Maklý, ana'e
t'i Libný, ana'e t'i Shimý, ana'e t'i Ozà. [15] I Simý: ana'e t'i Kagià, ana'e t'i Asaià.

16 Iretoañe o najado' i Davide hifeleke ty fisaboañe añ'anjomba' IEHOVÀo, ie
fa napok' ao i vatay. 17 Le nitoroñe an-tsabo añatrefa' i kivohon-kibohom-
pamantañañey iereo, am-para' ty nandranjia' i Selomò ty anjomba' IEHOVÀ e
Ierosalaime ao, le songa nandrambe ty toe'e naho ty fitoroña'e amy firirita'ey.
18 Irezao o nandrambe o toe'eo naho o tarira'eoo: Amo ana' i Kehàteo: i Hemane
mpisabo, ana' Ioele, ana' i Samoele, 19 ana' i Elkanà, ana' Ierokame, ana' i Eliele,
ana' i Toàke, 20 ana' i Zofe, ana' i Elkanà, ana' i Mahate, ana' i Amasay, 21 ana'
i Elkanà, ana' Ioele, ana' i Azarià, ana' i Tsefana, 22 ana' i Takate, ana' i Asire,
ana' i Ebiasafe, ana' i Koràke, 23 ana' Iitshare, ana' i Kehàte, ana' i Levý, ana'
Israele. 24 Naho i Asafe rahalahi'ey nijohañe am-pitàn-kavana eo, toe i Asafe ana'
i Berakià, ana' i Simeà, 25 ana' i Mikaele, ana' i Baaseià, ana' i Malkià, 26 ana'
i Etný, ana' i Tserake, ana' i Adaià, 27 ana' i Etane, ana' i Zimà, ana' i Simý,
28 ana' Iakate, ana' i Gersome, ana' i Levý. 29 Naho ty ana' i Merarý rahalahi'
iareo, am-pitàn-kavia eo, i Etane ana' i Kisisý, ana' i Abdý, ana' i Maloke, 30 ana'
i Kasabià, ana' i Amatsià, ana' i Kilkià, 31 ana' i Amtsý, ana' i Baný, ana' i Samere,
32 ana' i Maklý, ana' i Mosý, ana' i Merarý, ana' i Levý. 33 Le tinendre amo hene
fitoroñañe an-kibohon' anjomban' Añahareo o nte-Levy rahalahi' iareoo. 34 Le i
Aharone naho o ana-dahi'eo ty nañenga amy kitrelin' engan-koroañey naho amy
kitrelim-pañembohañey ho amy ze fitoroñañe iaby amy toetse loho masiñey naho
hañeferañe Israele ty amy ze hene nandilia' i Mosè mpitoron' Añahare. 35 Zao
o ana' i Aharoneo: i Elazare ana'e, i Pinekase ana'e, i Abisoà ana'e 36 i Boký
ana'e, i Ozý ana'e, i Zerakià ana'e, 37 i Meraiote ana'e, i Amarià ana'e, i Akitobe
ana'e, 38 i Tsadoke ana'e, i Akimatse ana'e. 39 Le zao o toem-pimoneña' iareo amo
rova'eoo naho amo efe-tane' o ana' i Aharoneo, amo hasavereña' o nte-Kehàteoo,
o niazo' iereo an-kitsapakeo. 40 Nitolorañe ty Kebrone an-tane' Iehoda ao naho o
tanem-piandraza'eo. 41 Fe natolotse amy Kalebe, ana' Iefonè o tete' i rovaio naho
o tanà'eo. 42 Le natolotse amo ana' i Aharoneo o rova' Iehoda rezao: i Kebrone,
rovam-pitsolohañe naho i Libnà reke-tanem-piandraza'e naho Iatire vaho i Estemòa
rekets' o fiandraza'eo, 43 naho i Kilane reke-piandraza'e, i Debire reke-piandraza'e,
44 naho i Asane reke-piandraza'e naho i Bete-semese reke-piandraza'e, 45 le boak' amy
fifokoa' i Beniaminey: i Gebà reke-piandraza'e naho i Alemete reke-piandraza'e vaho
i Anatote reke-piandraza'e. Aa ty hamaro' o rova'eo ty amo hasavereña' iareo iabio:
Rova folo-telo'amby. 46 Le natolotse an-kitsapak' amo ana' i Kehàte ila'eo, boak' an-
kasavereñam-pifokoañe, i vakim-pifokoañe, vaki' i Menasèy ty rova folo. 47 Le amo
ana' i Gersomeo, ty amo hasavereña'eo, boak'am-pifokoa' Isakare naho boak' am-
pifokoa' i Asere naho boak' am-pifokoa' i Naftalý vaho boak' am-pifokoa' i Menasè ty
rova folo-telo' amby e Basane ao. 48 Le amo ana' i Merario, ty natolots' an-tsapake, ty
amo hasavereña'eo, boak' am-pifokoa' i Reobene naho am-pifokoa' i Gade naho am-
pifokoa' i Zebolone ao, ty rova folo-ro' amby. 49 Aa le natolo' o ana' Israeleo amo nte-
Levio o rova'eo reke-piandrazañe: 50 Tinolotse, an-kitsapake, boak' am-pifokoan' ana'
Iehoda naho am-pifokoan' ana' i Simeone naho am-pifokoan' ana' i Beniamine, i rova
tokaveñe amo añara'eo rezay. 51 Toe nanan-drova an' toetse am-pifokoa' i Efraime
ao ty ila' o ana' i Kehàteo. 52 Natolotse iareo ho rovam-pitsolohañe, t'i Sekeme,
am-bohibohi' i Efraime ao reke-piandraza'e naho i Gezere reke-piandraza'e, 53 naho
Iokmeame reke-piandraza'e naho i Bete-korone reke-piandraza'e, 54 naho i Aialone
reke-piandraza'e naho i Gate-rimone reke-piandraza'e; 55 le boak' ami'ty vakim-
pifokoa' i Menasè ao: i Anere reke-piandraza'e naho i Bileame reke-piandraza'e, ho
a ty ila' o hasavereñan' ana' i Kehàteo. 56 Natolotse amo ana' i Gersomeo, boak'
an-kasavereñam-bakim-pifokoa' i Menasè ao, i Golane e Basane ao reke-piandraza'e
naho i Astarote reke-piandraza'e; 57 naho boak' am-pifokoa' Isakare: i Kadese, reke-

piandraza'e naho i Dobrate reke-piandraza'e, 58 naho i Ramote, reke-piandraza'e
naho i Aneme reke-piandraza'e; 59 le boak' am-pifokoa' i Asere: i Masale reke-
piandraza'e naho i Abdone reke-piandraza'e 60 naho i Kokoke reke-piandraza'e naho
i Rekobe reke-piandraza'e; 61 le boak' am-pifokoa' i Naftalý: i Kedese e Galile reke-
piandraza'e naho i Kamone reke-piandraza'e naho i Kiriatehaime reke-piandraza'e.
62 Le natolotse amo ila'eo, amo ana' i Merario, boak' am-pifokoa' i Zebolone: i
Rimone reke-piandraza'e naho i Tabore reke-paripari'e. 63 Le alafe' Iordaney e Ierikò,
atiñana' Iordaney, boak' am-pifokoa' i Reobene, i Betsere am-patrambey ao, reke-
piandraza'e naho Iatsà reke-piandraza'e, 64 naho i Kedemote, reke-piandraza'e naho
i Mofaate reke-piandraza'e; 65 le boak' am-pifokoa' i Gade: i Ramote e Gilade ao reke-
piandraza'e naho i Makanaime reke-piandraza'e, 66 naho i Kesbone reke-piandraza'e
naho Iazere reke-piandraza'e.

# 7

1 Le o ana' Isakareo: i Tolà naho i Poà, Iasobe vaho i Simrone, efatse. 2 Le o ana'
i Tolao: i Ozý naho i Refaia naho Ieriele naho Iakmaý naho Iibsame vaho i Semoele,
songa talèn' anjomban-drae'e o nte-Tolào, fanalolahy maozatse amo tarira'eo; ty
ia' iareo tañ' andro' i Davide le ro'ale-tsi-ro'arivo-tsi-enen-jato. 3 Le o ana' i Ozio;
Iizrakià; o ana' Iizrakiào: i Mikaele naho i Obadià naho Ioele, Isià, lime, songa
mpiaolo. 4 Le niharo am' iereo ty amo tarira' iareo boak' añ' anjomban-droae'eo
ty firimboñan-dahin-defoñe, telo-ale-tsi-eneñ' arivo; amy t'ie nanambaly naho ana-
dahy maro. 5 Le nifanalolahy iaby o longo' iareo amo hasavereña' Isakareoo,
ondaty maozatse, valo-ale-tsi-fito-arivo ty vinolily amo fiantoño' iareo iabio. 6 O
ana' i Beniamineo: i Bela naho i Bekere vaho Iediaele, telo. 7 Le o ana' i Belao:
Ietsbone naho i Ozý naho i Oziele naho Ierimote vaho Irý, lime; mpiaolon' anjomban-
droae'eo, fanalolahy maozatse, le vinolily ty amo fiantoño'eo, ni-roe-ale-tsi-ro'arivo-
tsi-telopolo-efats' amby. 8 Le o ana' i Bekereo; i Zemirà naho Ioase naho i Eliezere
naho i Elioenay naho i Omrý naho Ierimote naho i Abià naho i Anatote vaho i Alamete,
songa ana' i Bekere. 9 vinolily ty amo fiantoño'eo, ty amo talèn' anjomban-droae'eo,
o fanalolahy maozatseo, ro' ale-tsi-roan-jato. 10 Le o ana' Iediaeleo; i Bilhane; le
o ana' i Bilhaneo; Ieose naho i Beniamine naho i Ehode naho i Kenaanà naho i
Zetane naho i Tarsise vaho i Akisakare. 11 I hene ana' Iadiaele rey ty amo talèn'
anjomban-droae'eo, fanalolahy maozatse, le rai-ale-tsi-fito-arivo-tsi-roanjato veka'e
hionjoñe mb'an-kotakotake mitraok' amy valobohòkey. 12 I Sopime ka naho i Kopime,
ana' Ire vaho i Kosime ana' i Akere. 13 O ana' i Naftalio: Iaktsiele naho i Goný naho
Ietsere naho i Salome, songa ana' i Bilkà. 14 O ana' i Menasèo: i Asriele nasama'ey,
(fe nasama' i Aramitese sakeza'e t'i Makire rae' i Gilade. 15 Nengae' i Makire ty boak'
amy Kopime naho i Sopime; i Maakà ty tahina' i rahavave'ey;) ty tahina' i faharoey
le Tselofekade; nanañ' anak' ampela t'i Tselofekade. 16 Nisamak' ana-dahy t'i Maakà
vali' i Makire, le natao'e Parase ty añara'e, le i Serese ty rahalahi'e vaho ana'e t'i
Olame naho i Rekeme. 17 Ty ana' i Olame: i Bedane. Ie ro ana' i Gilade, ana' i Makire,
ana' i Menasè. 18 Nisamake Iishode naho i Abiezere vaho i Mahalà t'i Hamolekete,
rahavave'e. 19 O ana' i Semidào: i Akiane naho i Sekeme naho i Likhý vaho i Aniame.

20 O ana' i Efraimeo: i Sotelake naho i Berede, ana'e naho i Takate, ana'e naho i
Eladà, ana'e naho i Takate, ana'e, 21 naho i Tsabade, ana'e naho i Sotelà, ana'e naho
i Ezere vaho i Eleade, ie vinono' o nte-Gate nisamak' amy taneio, amy t'ie nizotso
hitavañe o añombe'eo. 22 Nitolom-pandala andro maro t'i Efraime, le nimb' ama'e
mb'eo o rahalahi'eo hañohoñ'aze. 23 Aa le nimoak' amy vali'ey re, nisamak' anadahy
vaho nanoe'e Berià ty añara'e, amy te nizo haratiañe i anjomba'ey. 24 (I Seerae, anak'
ampela'e ty namboatse i Bete-korone Ambane naho Ambone vaho i Ozene-Seerae.

) 25 Ana-dahi’e t’i Refake naho i Resefe naho i Telàke, ana’e vaho i Takane ana’e.
26 Naho i Laadane Ana’e, i Amihode ana’e, i Elisamà ana’e, 27 i None ana’e, Iehosoa
ana’e. 28 Le ty fanañañe naho fimoneña’ iareo: i Betele naho o tanà’eo, le i Naarane
maniñana naho i Gezere mañandrefa rekets’ o tanà’eo; i Sekeme reke-tana’e, pak’
Azà reke-tana’e; 29 añ’efets’efe’ o ana’ i Menasèo, i Beteseane, rekets’ o tanà’eo naho
i Taanake reke-tana’e naho i Megidò reke-tana’e vaho i Dore reke-tana’e. Nimoneñe
amy rezay o ana’ Iosefe, ana’ Israeleo. 30 O ana’ i Asereo: Imnà naho Isvà naho Isvaý
naho i Berià vaho i Serà rahavave’e. 31 O ana’ i Beriào: i Kevere naho i Malkiele,
rae’ i Birzote. 32 I Kevere nisamake Iaflete naho i Somere naho i Kotame vaho i
Soae, rahavave’ iareo. 33 O ana’ Iafleteo: i Pasake naho i Bimhale vaho i Asvate.
Ie o ana’ Iafleteo. 34 O ana’ i Samereo: i Aký naho i Rohagà naho Iekobà vaho i
Arame. 35 O anan-drahalahi’e Kelemeo: i Tsofake naho Imnà naho i Selese vaho i
Amale. 36 O ana’ i Tsofakeo: i Soà naho i Karnefere naho i Soale naho i Berý naho
Imrà; 37 i Betsere naho i Hode naho i Samà naho i Silsà naho Itrane vaho i Bierà.
38 O ana’ Ietereo, Iefoneke naho i Pispà vaho i Arà. 39 O ana’ i Olào: i Arake naho
i Kaniale vaho i Retsià. 40 Ie o ana’ i Asere, roaen’ anjomban-droae’eo, jinoboñe,
ondaty maozatse mahavany, mpiaolo’ o roandriañeo. Le ty ia’ iareo te niantoñoñe,
o mahafialy, mahafañotakotakeo: ondaty ro’ale-tsi-eneñ’arivo.

# 8

1 I Beniamine nisamake i Belà, tañoloñoloña’e naho i Asbele faharoe naho i Akarake
faha-telo, 2 naho i Nokà fahefatse naho i Rafà faha-lime. 3 O ana’ i Belao: i Adare naho
i Gerà naho i Abihode 4 naho i Abisoà naho i Naamane naho i Akoake 5 naho i Gerà
naho i Sefofane vaho i Korame. 6 O ana’ i Ehodeo: o talèn’ anjomban-droae’ o nte-
Gebaoo, (o nasese an-drohy mb’e Manakateo: 7 i Naamane naho i Akià naho i Gerà
ty nasese an-drohy;) vaho nisamake i Ozà naho i Ahikode. 8 Nisamak’ ana-dahy a
monto’ i Moabe ao t’i Sakaraime, ie fa nisaotse i Kosime naho i Baarà vali’e rey.
9 Nisamak’ amy Kodese, vali’e, t’Iobabe naho i Tsibà naho i Mesà vaho i Malkame,
10 naho Ie’otse naho i Sokhia vaho i Mirmà. Zao o ana’e, talèn-droae’eo. 11 Nisamake
i Abitobe naho i Elpaale amy Kosime re. 12 O ana’ i Elpaaleo, i Evre naho i Misame
naho i Samede namboatse i Onò naho i Lode rekets’ o tanà’eo; 13 naho i Berià naho i
Semà, mpiaolon’ anjomban-droae’ o mpimone’ i Aiialoneo, o nandroake o mpimone’
i Gateoo; 14 naho i Akiò, i Sasake naho Ieremote, 15 naho i Zebadià naho i Arade
naho i Edere, 16 naho i Mikaele naho Ispà vaho Iohà, ro ana’ i Beriake; 17 naho i
Zebadià naho i Mesolame naho i Kizký naho i Kevere, 18 naho Ismeraý naho Izlià
naho Iovave, ro ana’ i Elpaale; 19 naho Iakime, i Zikrý naho i Zabdý, 20 naho i Elienaý
naho i Tsiletaý naho i Eliele, 21 naho i Adaià naho i Beraià naho i Simrate, ro ana’
i Simhý; 22 naho Ispane naho i Kevere naho i Eliele, 23 naho i Abdone naho i Zikrý
naho i Kanàne, 24 naho i Kananià naho i Elame naho i Antotiià; 25 naho Iifdeià naho
i Penoele, ro ana’ i Sasake 26 naho i Samseraý naho i Sekarià naho i Atalià, 27 naho
Iaresià naho i Elià vaho i Zikrý, ro ana’ Ierohame. 28 Ie ro talèn’ anjomban-droae’e ty
amo tarira’eo, mpifeleke nimoneñe e Ierosalaime ao. 29 E Gibone ao ty nimoneña’ ty
rae’ i Gibone, i Maakà ty tahinam-bali’e; 30 le i Abdone, tañoloñoloña’e naho i Tsore
naho i Kise naho i Baale naho i Nadabe, 31 naho i Gedore naho i Akio vaho i Zekere.
32 Nasama’ i Miklote t’i Simeà. Nitrao-pimoneñe amo rahalahi’eo e Ierosalaime ao
iereo, nifanandrife. 33 Nasama’ i Nere t’i Kise le nasama’ i Kise t’i Saole, le nasama’
i Saole t’Ionatane naho i Malki-soàe naho i Abinadabe vaho i Ese-baale. 34 Ty ana’
Ionatane, i Merib’baale; le nasama’ i Merib’baale t’i Mikà. 35 O ana’ i Mikào, i Pitone
naho i Meleke vaho i Tarea naho i Ahkaze. 36 Nasama’ i Ahkaze t’Iehoadà; le nasama’
Iehoadà t’i Alemete naho i Azmavete naho i Zimrý; le nasama’ i Zimrý t’i Motsà, 37 le
nasama’ i Motsà t’i Bineà, ana’e t’i Rafà, ana’e t’i Eleasà, ana’e t’i Atsele; 38Nanañ’

anadahy eneñe t'i Atsele: ty tahina' iareo: i Azrikame, i Bokerò naho Ismaele naho i
Searià naho i Obadià vaho i Kanàne, songa ana' i Atsele. 39 O ana' i Eseke, rahalahi'eo:
i Olame, tañoloñoloña'e, Iekose faharoe vaho i Elifelete fahatelo. 40 Ondaty maozatse
naho fanalolahy mpitàm-pale o ana-dahi' i Olameo vaho maro ty ana'e naho ty zafe'e,
zato-tsi-limampolo. Songa ana' i Beniamine.

# 9

1 Aa le sindre vinolily amo fiantoño'eo t' Israele; oniño te hene sinokitse
amo bokem-panjaka' Israeleo vaho nasese mb'e Bavele mb'eo t'Iehodà ty amo
hatsivokara'eo. 2 Ie amy zao, o mpimoneñe valoha'e am-panaña'e ao, an-drova'e e
Israele ao: le o mpisoroñeo, o nte-Levio vaho o mpitoro' i anjombaio. 3 Le nitoboke e
Ierosalaime ao ty ila'e o tarira' Iehodao naho o nte-Beniamineo naho o ana' Efraime
naho Menasèo. 4 Le i Otày, ana' i Amihode, ana' i Omrý, ana' Imrý, ana' i Baný
ana' i Peretse, ana' Iehodao. 5 Le boak' amo nte-Silòo: i Asaià, ty tañoloñoloña'e
naho o ana'eo. 6 Le amo ana' i Zerakeo, Ieoele naho o rahalahi'eo, enen-jato-tsi-
sivampolo. 7 Le amo ana' i Beniamineo: i Salò, ana' i Mesolame, ana' i Hodavià, ana'
i Hasenoà; 8 naho Ibneià, ana' Ierohame naho i Elà, ana' i Ozý, ana' i Mikrý; naho
i Mesolame ana' i Sefatià, ana' i Reoele, ana' Ibneià; 9 naho o rahalahi'eo ty amo
tarira'eo sivan-jato-tsi-limampolo-eneñ' amby. Songa talen' anjomban-droae'e añ'
anjomban-droae'e. 10 Le o mpisoroñeo: Iedaià naho Iehoiaribe vaho Iakine 11 naho i
Azarià, ana' i Hilkià, ana' i Mesolame, ana' i Tsadoke, ana' i Meraiote, ana' i Akitobe,
roandria' ty anjomban' Añahare; 12 naho i Adaià, ana' Ierokame, ana' i Pasore, ana' i
Malkiià naho i Maasiay ana' i Adiele, ana' Iakzerà, ana' i Mesolame, ana' i Mesilemite,
ana' Imere; 13 naho o longo' iareoo, talèn' anjomban-droae'eo, arivo-tsi-fiton-jato-tsi-
enem-polo, ondaty mahimbañe am-pitoroñañe añ' anjomban' Añahare ao.

14 Naho amo nte-Levio; i Semaià, ana' i Kasobe, ana' i Azrikame, ana' i Kasabià,
amo ana' i Meraio; 15 Naho i Bakbakare, i Kerese naho i Galale naho i Matanià, ana'
i Mikà, ana' i Zikrý, ana' i Asafe; 16 Naho i Obadià, ana' i Semaià, ana' i Galale,
ana' Iedotone naho i Berekià, ana' i Asà, ana' i Elkanà nimoneñe amo tanà' o
nte-Netofào. 17 Le o mpigarin-dalam-beio: i Salome naho i Akobe naho i Talmone
vaho i Akimane vaho o rahalahi' iareoo, i Salome, talè. 18 Taolo iereo le nijohañe
an-dalam-bei' i mpanjakay, maniñanañe, nimpañamben-dalañe am-pirimboña' o
ana' i Levio. 19 Naho i Salome ana' i Kore, ana' i Ebiasafe, ana' i Korà naho o
rahalahi'e añ' anjomban-droae'eo, o nte-Korao ty nifehe i fitoroñañey, nañambeñe
o lalambein-kivohoo; o rae'eo ty nifehe ty tobe' Iehovà, nimpigaritse i fiziliha'ey;
20 nifeleke iareo taolo t'i Pinekase, ana' i Elatsare; le nimbae' Iehovà. 21 I Zekarià,
ana' i Meselemià ty nañambeñe i lalan-kibohom-pamantañañey. 22 I jinoboñe ho
mpañamben-dalam-bey rey, le roanjato-tsi-folo-ro' amby. Songa amo tanà'eo ty amo
fiantoño'eo, o tinendri' i Davide naho i Samoele mpitoky ty amy figahiña' iareoo.
23 Aa le ie naho o ana'eo ro nisary o lalam-bein' anjomba' Iehovào naho ty anjomba'
i kibohotsey am-pifandimbezañe. 24 Le o mpañamben-dalambeio, mb'an-tiok' efatse
mb'eo: atiñana, ahandrefa, avaratse vaho atimo. 25 Ie nivotrake eo erike boak'
an-tanà' iareo o longo' iareoo hañolotse fito andro. 26 Amy te nigahiñe i nte-Levý
efatse mpiaolom-pigarin-dalambey rey, nifehe o trañoo naho o fanontoñan-drala
añ' anjomban' Añahareo. 27 Ie nialeñe am-piarisehoañe i anjomban' Añaharey fa
nanan-dily, naho nisokafe' iareo boak' andro. 28 Nanan-dily amo fàna-pitoroñañeo
ty ila'e, nañakatse ami'ty ia'e naho namoake ami'ty ia'e. 29 Ty ila'e ka nanan-dily
hamandroñe o fànake naho harao' i toetse masiñeio naho i monay naho i divaiy
naho i menakey naho i ramey vaho o raha mañitseo. 30 Ty ila' o anam-pisoroñeo

ty nampilaro o raha mañitseo. 31 I Matitià, nte-Levy, tañoloñoloña' i Salome nte-
Kora, ty nanandily amo fañendazañeo. 32 Ty ila' o longo' iareoo, o anan-nte-Kohao
ty nifeleke i mofo-piatrekey, ty hañalankañe aze boa-tSABATA. 33 Teo ka o mpisaboo;
talèn' anjomba' o nte-Levio, nimoneñe añ' efets' efe' i anjombay vaho nivotsotse amo
fitoloñañe ila'eo amy t'ie nifanehake handro an-kale. 34 Ie ro talèn' anjomban-droae'
o nte-Levio ty amo tariratseo, mpiaolo, nimoneñe e Ierosalaime ao:

35 E Gibone ao ty nimoneña' Ieiele, rae' i Gibone, i Maakà ty tahina' i vali'ey; 36 i
Abdone ty tañoloñoloña'e naho i Tsore naho i Kise naho i Baale naho i Nere vaho
i Nadabe; 37 naho i Gedore naho i Akio naho i Zekarià vaho i Miklote. 38 Nasama' i
Miklote t'i Simeame. Ie ka nitoboke e Ierosalaime ao tandrife o longo'eo. 39 Nasama' i
Nere t'i Kise; le nasama' i Kise t'i Saole, le nasama' i Saole t'Ionatane naho i Malki-soà
naho i Abinadabe vaho i Esbaale. 40 I Meribe' baale ty ana' Ionatane; le nasama' i
Meribebaale t'i Mikà. 41 Le o ana' i Mikào: i Pitone naho i Meleke naho i Tahareà naho
i Ahkaze. 42 Le nasama' i Ahkaze t'Iarà; le nasama' Iarà t'i Alemete naho i Azmavete
naho i Zimrý; le nasama' i Zimrý t'i Motsa; 43 Le nasama' i Motsa t'i Binea; i Refaià
ty ana'e, i Eleasà ty ana'e, i Atsele ty ana'e. 44 Nanañ' anadahy eneñe t'i Atsele: zao
o tahina'eo: i Azrikame, i Bokerò naho Ismaele naho i Searià naho i Obadià vaho i
Kanàne; ie o ana' i Atselep.

# 10

1 Nialy am' Israele o nte-Pelistio; naho nitriban-day amo nte-Pelistio t'Israele vaho
nitsingorotritse, zinamañe am-bohi' i Gilboa eo. 2 Nitokoe' o nte-Pelistio t'i Saole naho
o ana'eo vaho zinevo' o nte-Pelistio t'Ionatane naho i Abinadabe vaho i Malkisoà,
ana' i Saole. 3 Nanjomòtse amy Saole i hotakotakey le nitakare' o mpitàm-paleo am-
pale naho nahafere aze o mpitàm-paleo. 4 Le hoe t'i Saole amy mpitàm-pikala'ey,
Apontsoaño o fibara'oo, le atrebeho amako tsy mone homb' etoy o tsy nisavareñeo
hanao sarerak' ahy. Fe tsy nimete i mpitàm-pikala'ey amy t'ie nangebahebake. Aa
le rinambe' i Saole i fibara'ey vaho nikorovoha'e. 5 Ie nioni' i mpitàm-pikala'ey te
nihomake t'i Saole le niforetrak' amy fibara'ey ka vaho nivetrake. 6 Aa le nihomake
t'i Saole naho i ana'e telo rey; sindre nitrao-pikoromake o añ' anjomba'eo. 7 Ie nioni'
ze hene nte-Israele am-bavatane ao te nitriban-day naho nihomake t'i Saole naho o
ana'eo, le nenga' iareo o rova'eo, nilay; vaho nimb'eo o nte-Pelistio nimoneñe ama'e
ao.

8 Ie amy loak'androy naho niheo mb'eo o nte-Pelistio hampikorendake o zina-
mañeo, le nitendrek' amy Saole naho amo ana'e nikorovok' am-bohi' i Gilboao, 9 naho
hinoli' iereo naho nandrambe i añambone'ey naho o fikala'eo, le nampiariarie'
iareo mb' an-tane' o nte-Pelistio mb'eo, ninday i taliliy mb' amo hazomanga'eo vaho
mb'am' ondatio. 10 Nanoe' iereo añ' anjomba' o ndrahare' iareoo o harao'eo vaho
napitek' an-kivoho' i Dagone ao ty añambone'e. 11 Aa ie jinanji' Iabese-Gilade ze
he'e nanoe' o nte-Pelistio amy Saole, 12 le fonga niongake o fanalolahio nandrambe
ty fañova' i Saole naho ty fañova' o ana'eo le nendese' iareo mb'e Iabese mb'eo vaho
nalenteke ambane' ty kobai' Iabese ao o taola' iareoo vaho nililitse fito andro. 13 Aa
le nihomake t'i Saole ty amy fiolà'e am' IEHOVÀy naho i tsara' IEHOVÀ tsy nambena'ey
naho i namotoaña'e jiny, hañontanea'ey, 14 ie tsy nañontane IEHOVÀ; le zinevo'e vaho
nafote'e amy Davide ana' Iisaý i fifelehañey.

# 11

1 Nifanontoñe amy Davide e Kebrone ao t'Israele iaby, nanao ty hoe: Intoy, toe
taola'o naho nofo'o zahay, 2 Ie taolo, ndra te nimpanjaka t'i Saole, le ihe ty niaolo
vaho nampimpoly Israele; le nanao ty hoe ama'o t'IEHOVÀ Andriananañahare'o. Ho
fahana'o ondatiko Israeleo naho ho mpifehe ondatiko Israeleo. 3 Aa le hene niheo

mb’amy mpanjakay e Kebrone mb’eo o mpiaolo’ Israeleo vaho nifañina’ amy Davide
e Kebrone ao añatrefa’ IEHOVÀ; le noriza’ iareo ho mpanjaka’ Israele t’i Davide, ty amy
tsara’ IEHOVÀ am-pità’ i Samoeley. 4 Nimb’e Ierosalaime—i atao Iebosiy—t’i Davide
naho Israele iaby, ie tao o nte-Iebosio, o mpimoneñe amy taneio. 5 Le hoe o nte-
Iebosio amy Davide: Tsy himoak’ atoy rehe. Fe rinambe’ i Davide i rova fatratsey; i
atao Rova i Davidey. 6 Ie nanoe’ i Davide ty hoe: Ze mandafa ty nte-Iebosy valoha’e ty
ho mpiaolo naho mpifehe. Ioabe ana’ i Tseroià ty nionjoñe valoha’e vaho nanoem-
pifeleke. 7 Nimoneñe amy fipalirañey t’i Davide, zay ty nitokaveñ’ aze ty hoe, Rova’
i Davide. 8 Namboatse añariari’ i rovay re, boak’ amy Milòy naho o mañohok’azeo
vaho namboare’ Ioabe ty ila’ i rovay. 9 Niraorao erike t’i Davide amy te nindre ama’e
t’IEHOVÀ i Màroy.

10 Irezao o nimpiaolo’ o fanalolahy mpiamy Davideo, nimpirekets’ ama’e an-
kafatrarañe amy fifehea’eio, miharo am’ Israele iaby, nanao aze mpanjaka’ Israele
ty amy tsara’ IEHOVÀio. 11 Inao ty famoliliañe o fanalolahy nimpiamy Davideo:
Iasobeame, ana’ i nte-Kakmoniý mpifehe i telopoloy; nonjone’e ami’ty telon-jato
i lefo’ey vaho zinevo’e iaby amy andro zay. 12 Nanonjohy aze t’i Eleazare ana’
i Dodò nte-Akoake, raik’ amy fanalolahy telo rey. 13 Nindre amy Davide e Pase-
Damime ao re, ie nifanontoñe hañotakotake eo o nte-Pelistio, añ’ila’ ty teteke lifotse
vare-hordea; naho fa nilay añatrefa’ o nte-Pelistio ondatio, 14 le nijohañe añivo’
i tetekey iereo, nañaro aze, le zinevo’ iareo o nte-Pelistio; vaho rinomba’ IEHOVÀ
an-drombake jabajaba. 15 Teo te nizotso mb’amy vato mb’amy Davidey mb’eo, an-
dakato’ i Adolame ao, ie nitobe am-bavatane’ i Refaime ao o nte-Pelistio, ty telo amo
mpiaolo telopoloo. 16 Ie tam-pipalirañe ao t’i Davide, le te Betlekheme ao o mpirimbo-
nte-Pelistio. 17 Niazo ty hasijy t’i Davide, nanao ty hoe: Ehe te eo ty hanjotso rano
amako boak’ am-bovom-Betlekheme marine’ i lalambeiy. 18 Niboroboñafe’ i telo rey i
toben-te Pilistiy, le nitarike rano boak’ am-bovo’ i Betlekheme ao marine’ i lalambeiy;
nendese’ iereo vaho nazotso’ iareo amy Davide; fe tsy nimete nikama t’i Davide,
te mone nadoa’e añatrefa’ IEHOVÀ, 19 nanao ty hoe: Sondo’e aman’ Añahareko te
hanoeko o raha zao; hinomeko hao ty lio’ ondaty namoe’ay retiañe? Fa am-pamoeam-
piay i nañandesa’ iareoy. Aa le tsy nimete ninon-dre. Ie o nanoe’ i fanalolahy telo
reio. 20 I Abisaý, rahalahi’ Ioabe, ty nimpiaolo’ i telopolo rey; ie nañonjon-defoñe
ami’ty telon-jato naho zinama’e vaho nibangoeñe añivo’ i telo rey. 21 Ie ty nanañ’
asy amy telo antsaranga faha-roe y vaho nanoeñe mpiaolo’ iareo; fe tsy nitaka’e i telo
valoha’e rey. 22 I Benià, ana’ Iehoiadà, ana’ ty fanalolahy nte-Kabtseele, mpitoloñe
an-kafatrarañe, nandafa nte-Moabe roe an-tron-diona, le nizotso añivon-koboñe añ’
androm-panàla namono ty liona ao. 23 Zinevo’e t’i nte-Mitsraime, ondaty abo, lime
kiho ty haabo’e, am-pità’ i nte-Mitsraimey ty lefo’e hoe bodam-panenoñe; kobaiñe ty
tama’e te nizotso mb’ama’e mb’eo naho tinava’e am-pità’ i nte-Mitsraimey i lefo’ey
vaho vinono’e amy lefo’ey. 24 Izay o nanoe’ i Benaià, ana’ Iehoiadào, le nibangoe’ i
fanalolahy telo rey i tahina’ey. 25 Ie ty nanañ’ asy amy telopoloy, f’ie tsy nahatakatse
i telo valoha’e rey, ro najado’ i Davide amo mpañaro azeo. 26 Ty fanalolahy amo
lahindefoñeo, le i Asaele rahalahi’ Ioabe, i Elkanane, ana’ i Dodò nte-Betlekheme; 27 i
Samote nte-Harore, i Keletse nte-Pelone, 28 Irà, ana’ Ikekese nte-Tekoe, i Abiezere nte
Anatote, 29 i Sibekaý nte-Kosà, Ilaý nte-Akoake, 30 i Mahàre, nte-Netofà, i Kelede ana’
i Baanià, nte-Nitofà, 31 Itaý ana’ i Ribaý nte-Gibà amo ana’ i Beniamineo, i Benaià
nte Piratone; 32 i Koraý tamy saka Gaasey, i Abiele, nte Arbate, 33 i Azmavete, nte-
Bakorime, i Eliabà nte-Saalbone, 34 o ana’ i Haseme nte-Gizòo, Ionatane, ana’ i Sagay
nte Harare, 35 i Akiame, ana’ i Sakare nte Harare, i Elifale ana’ i Ore 36 i Kefere nte
Mekerate, i Akiià nte Pelone 37 i Ketsrò nte Karmele, i Naaraý ana’ i Ezbaý, 38 Ioele
rahalahi’ i Natane, i Mibkare ana’ i Hagrý, 39 i Tseleke nte Amone, i Nakaraý nte

Berote, ty mpitàm-pikala' Ioabe ana' i Tseroià, 40 Irà nte Ietere, i Garebe nte-Ietere,
41 i Orià nte Kite, i Zabade ana' i Aklay 42 i Adinà ana' i Siza nte Reobene, mpifehe o nte
Reobeneo, rekets' i telopolo mpiama'e rey 43 i Kanàne, ana' i Maakà naho Iosafate
nte Metene, 44 i Ozià, nte Asterate, i Samà naho Iehiele, ana' i Kotane nte Aroere,
45 Iediaele, ana' i Simrý naho Iohà rahalahi'e nte Tizite, 46 i Eliele nte Makavè naho
Ieribaý naho Iosavià ana' i Elnaame naho Itmà nte Moabe, 47 i Eliele naho i Ovede
vaho Iasiele nte Metsobaià.

# 12

1 Iretoañe o niheo amy Davide e Ziklage mb'eo ie mbe nisebaneñe ty amy Saole
ana' i Kiseio; mpiamo fanalolahi'e, mpañolotse an-kotakotakeo. 2 Nimpitàm-pale le
nahafitoloñe am-pitàn-kavana naho havia nahafipiletse vato naho nahafiririñe ana-
pale am-pale, ie rahalahi' i Saole nte Beniamine. 3 I Akiezere ty nifehe, le Ioase, ana'
i Semaà nte Gibate; naho Iziele naho i Pelete, ana' i Azmavete; le i Berakà naho Iehò
nte Anatote, 4 naho Ismaià nte Gibone, fanalolahy amy telopolo rey naho ambone'
i telopoloy; naho Iirmeà naho Iakaziele naho Iokanane naho Iozabade nte Gederà.
5 Naho i Elozaý naho Ierimote naho i Bealià naho i Semarià naho i Sefatià nte Karofe,
6 naho i Elkanà naho Iesià naho i Azarele naho Ioezere naho Iasobeame, nte Korake,
7 naho Ioelà vaho i Zebadià ana' Ierokame nte Gedore. 8 Le o nte Gade nivìke mb'
amy Davide am-pipalira'e am-patrambeio, ondaty nahasibeke, ondaty nioke hialy,
nahafitam-pikalañe naho lefoñe; aman-daharañe hoe tarehen-diona, ie hoe tsebý*
an-kaboañe ey te nilay; 9 i Ezere ty valoha'e naho i Obadià ty faharoe, le i Eliabe ty
fahatelo, 10 i Mismanà ty fahefatse, Iiremià ty fahalime, 11 i Ataý ty fah' eneñe naho
i Eliele ty faha-fito, 12 Iokanane ty fahavalo naho i Elzabade ty fahasive, 13 Iiremià ty
faha-folo vaho i Makbanay ty faha folo-raik' amby. 14 O ana' i Gade retoañe le songa
mpifehe' i valobohòkey; ty kede ama'e nañeva zato, ty bey nañeva arivo. 15 Ie o
nitsake Iordaney amy volam-baloha'eio t'ie nandopatse añ'olotse; ie nampivoratsake
ze am-bavatane ao iaby, maniñanañe naho mañandrefa. 16 Naho nimb'amy fipalira'
i Davidey mb'eo ty ila' o ana' i Beniamine naho Iehodao; 17 niavotse hifanalaka am'
iereo t'i Davide, le tinoi'e ty hoe: Naho am-panintsiñañe hañolotse ahy ty fitotsaha'
areo amako, le hivitrañe ama' areo ty troko, fa naho mone pok'eo hamalik' ahy amo
rafelahikoo, ie malio tahiñe o tañakoo, le i Andrianañaharen-droaentika ty hivazoho
vaho hizaka. 18 Nivotrak' amy Amasaý, mpifehe i telopoloy, amy zao i Arofoy: Azo
zahay ry Davide, mpiama'o zahay ry ana' Iisaý. Fañanintsiñe, fañanintsiñe ama'o
naho fierañerañañe amo mpañolotse azoo; amy te mañimb' azo t'i Andrianañahare.
Aa le rinambe' i Davide vaho nanoe'e mpifehem-pirimboñe. 19 Nitsake mb' amy
Davide mb'eo ka ty ila' i Menasè, ie nitraok' amo nte-Pelistio hifañotakotak' amy
Saole, f'ie tsy nañolotse, amy te tsy nimete' o mpiaolo nte-Pelistio, ie nisafiry, le
nirahe' iareo añe ami'ty hoe, Hera hitsake mb'amy Saole talè'e mb'eo re rekets' o
añambonen-tikañeo. 20 Ie nimb'e Tsiklage mb'eo, le nitsake ho mpiama'e boak' amy
Menasè t'i Adnà naho Iozabade naho Iediaele naho i Mikaele naho Iozabade naho
Elihò vaho i Tsiletaý, mpifelek' arivo' o nte-Menasèo. 21 Ie ro nañolotse i Davide amo
malasoo amy te fonga nifanalolahy nahasibeke vaho nimpifehe amy valobohòkey.
22 Nivotrak' amy Davide boak' andro boak' andro t'indaty hañolotse aze, ampara'
t'ie ni-valobohòke ra'elahy manahake ty valobohòn' Añahare.

23 Zao ty ia' o ni-reke-pialiañe hialio ty amo mpiaolo'eo, o niheo mb'amy Davide
e Kebrone añe, hifotera' iareo ami'ty fifehea' i Saole ty amy nafè' IEHOVÀio. 24 Amo
ana' Iehoda mpitàm-pikalañe naho lefoñeo: eneñ' arivo-tsi-valonjato veka'e hialy.

* **12:8** Tsibý: biby milay, bey hoe tamanañe

25 Amo ana' i Simoneo, ondaty maozatse mahasibek' añ'aly, fito-arivo-tsi-zato. 26 Amo
ana' i Levio, efats'arivo-tsi-enen-jato. 27 Iehoiada ty mpifehe' o nte-Aharoneo, rekets'
ama'e ty telo-arivo-tsi-fitonjato; 28 naho i Tsadoke, ajalahy maozatse nahafisoroke
vaho añ' anjomban-droae'e, mpifehe roapolo-ro' amby. 29 Amo ana' i Beniamineo,
longo' i Saole, telo arivo; fa ampara' te henane, maro am' iareo ty nanan-dily
añ'anjomba' i Saole ao. 30 Amo ana' i Efraimeo: ro' ale-tsi-valon-jato ty fanalolahy,
nanañ' asy añ' anjomban-droae'e. 31 Amy vakim-pifokoa' i Menasèy: rai-ale-tsi-valo-
arivo, tinoñon-tahinañe, niheo mb'eo hanao i Davide mpanjaka. 32 Le amo ana'
Isakareo, ondaty nahafohin-tsà, naharendreke ty toko'e hanoe' Israele; roanjato ty
mpiaolo' iareo vaho ambane' ty fandilia' iareo o longo'e iabio. 33 Amy Zebolone,
o mpionjom-b'añ' alio, nahimbañe an-kotakotake, nahafitoloñe amy ze karaza-
pialiañe, lime-ale nahafitàn-dahatse; tsy aman' arofo roe. 34 Le amy Naftalý,
mpifehe arivo; nindre am' iereo reke-pikalañañe naho lefoñe, ty telo-ale-tsi-fito-
arivo. 35 Le amo nte-Dane nahafilahatse añ' alio: roe-ale-tsi-valo-arivo-tsi-enen-
jato. 36 Le amy Asere, o mpionjomb' añ' alio, nahafiriritse hiatre-kotakotake, efats-
ale. 37 Le o alafe' Iordaneio, amo nte-Reobeneo naho amo nte-Gadeo naho amo
vakim-pifokoa' i Menasèio, reketse ze atao haraom-pialiañe ho an-kotakotake, rai-
hetse-tsi-roe-ale. 38 Hene niheo mb'e Kebrone mb'eo an-kazavàn'arofo i lahindefoñe
nahafitàm-pilaharañe rezay, hanoe' iereo mpanjaka' Israele t'i Davide; manahake
zay ze hene nte-Israele ila'e, fonga niharo arofo hanao i Davide mpanjaka. 39 Ie
nìndre amy Davide ao telo andro nikama naho nigenoke fa nañalankañe ho a iareo
o longo'eo. 40 Tovo' zay, o marine iareoo, Isakare naho i Zebolone vaho i Naftalý,
ty ninday mahakama am-birike naho rameva naho perède† naho añombe, le hena
naho ampemba naho debelà‡ naho kirotram-baloboke naho divay naho menake naho
añombe vaho añondry tsifotofoto; fa firebehañe ty e Israele ao.

# 13

1 Aa le nisafiry amo mpifelek' arivo naho zatoo vaho amo mpifehe iabio t'i Davide.
2 Le hoe t'i Davide amy valobohò' Israele iabiy, Aa naho mete ama' areo naho am'
IEHOVÀ Andrianañaharen-tika, antao hañitrike mb'eo mb'eo hikoike o longontika
sisa amo hene tane' Israeleo, rekets' o mpisoroñe naho nte-Levý androva naho am-
paripari' iareoo, hifanontoñe, 3 hampolian-tika mb'etoa i vatan' Añaharen-tikañey,
ie tsy nipaiaen-tika tañ' andro' i Saole. 4 Le nanao ty hoe i valobohòkey, t'ie hanoeñe,
fa nimete am-pihaino' ze hene ondaty. 5 Aa le natonto' i Davide t'Israele iaby, boake
Sikore e Mitsraime añe pak' am-pimoahañe e Kamate añe, hindesa' iareo boake
Kiriate-Iearime ao i vatan' Añaharey. 6 Aa le nindre am' Israele iaby t'i Davide
nionjomb'e Baalà—i Kiriate-Iearime' Iehoda—mb'eo hindesa' iareo boak'ao i vatan'
Añahare iambesara' IEHOVÀ amo kerobeoy, i fikanjiañe i tahina'eiy. 7 Le nente' iareo
an-tsarete vao boak' añ' anjomba' Abinadabe ao i vatan' Añaharey; vaho ninday i
saretey t'i Ozà naho i Akio. 8 Le nifale añatrefan' Añahare an-kaliforan-kaozarañe t'i
Davide naho Israele; reke-tsabo naho marovany, jejobory, fikorintsañe, fikarantsañe
vaho an-trompetra.
9 Ie nivotrak' an-tanem-pifofoha' i Kidone eo, le nahiti' i Ozà ty fità'e hikalañ' i vatay,
fa ho nabalitaboa' o añombeio. 10 Le nisolebotse amy Ozà ty haviñera' IEHOVÀ naho
zinevo'e amy te nitakare'e fitàñe i vatay vaho nihomak' añatrefan' Añahare. 11 Tsy
nahafale i Davide ty fitorotosi' IEHOVÀ amy Ozày; aa le natao Perets' Ozà* i toetsey
pak' henaneo. 12 Nahahembañe i Davide t'i Andrianañahare amy andro zay, le hoe
re: Akore ty hampipoliako amako i vatan' Añaharey? 13 Aa le tsy nendese' i Davide

† **12:40** Perede: rae'e borike, rene'e soavala ‡ **12:40** debelà: aviavy vonga'e maike mititse * **13:11** Peretse: tositse

moly ama’e mb’an-drova’ i Davide mb’eo i vatay fa nampitsile’e mb’ añ’anjomba’ i
Ovededome nte Gate ao. 14 Nitobok’ an-kasavereña’ i Ovededome añ’ anjomba’e ao
telo volañe i vatan’ Añaharey; vaho nitahie’ IEHOVÀ ty anjomba’ i Ovededome naho
ze hene fanaña’e.

# 14

1 Nañitrike irak’ amy Davide t’i Korame mpanjaka’ i Tsore ninday boda-
mendoraveñe naho mpandrafi-bato naho mpandranjy, hamboatse anjomba. 2 Ie
nifohi’ i Davide te niventè’ IEHOVÀ ho mpanjaka’ Israele naho naonjo’e antiotiotse
i fifehea’ey ty am’ ondati’e Israeleo, 3 le nañenga valy maromaro indraike e
Ierosalaime ao t’i Davide vaho nisamak’ ana-dahy naho anak’ ampela tovo’e t’i
Davide. 4 Le zao ty tahina’ o ana’e nasamake e Ierosalaimeo: i Samoà naho i Sobabe,
i Natane naho i Selomò 5 naho Iibkare naho i Elisoà naho i Elpalete 6 naho i Nogà
naho i Nefege naho Iafià 7 naho i Elisama naho i Beliadà vaho i Elifalete.
8 Ie jinanji’ o nte-Pelistio te norizañe hifehe’ Israele iaby t’i Davide, le hene
nionjomb’eo o nte-Pelistio hipay i Davide. Ie jinanji’ i Davide le niavota’e hifañatreke.
9 Nimb’eo o nte-Pelistio niparaitak’ am-bavatanen-dRefà ey. 10 Nañontane aman’
Añahare t’i Davide ami’ty hoe: hionjoñako hao o nte-Pelisteo? Hatolo’o an-tañako
hao? Le hoe t’IEHOVÀ ama’e: Mionjona; fa hatoloko am-pità’o. 11 Aa le nionjomb’e
Baale-peratsime* mb’eo iereo, le zinevo’ i Davide eo. Le hoe t’i Davide, Toe nitotsak’
amo rafelahikoo t’i Andrianañahare manahake ty fisorotombahan-drano. Aa le natao
Baale-peratsime i toetsey. 12 Napo’ iareo eo o samposampo’eo le nandily t’i Davide
vaho finorototo añ’ afo irezay. 13 Mbe naname i vavataney indraike o nte-Pelistio.
14 Nañontanea’ i Davide indraike t’i Andrianañahare; le hoe t’i Andrianañahare
ama’e: Ko mionjomb’ am’ iereo mb’eo, iambohò vaho ivotraho tandrife o sohihio.
15 Ie amy zao naho mahajanjim-peo mangidigidiñe an-digiligi’ o sohihio, le mionjona
mb’añ’aly, fa ho nienga aolo anahareo t’i Andrianañahare hanjevo i valobohòm-
Pilistiy. 16 Nanoe’ i Davide i nandilian’ Añaharey, le zinevo’ iareo i valobohòm-Pilistiy
boake Gibone pake Gezere. 17 Niboele amo hene taneo ty enge’ i Davide, le napo’
IEHOVÀ amo kilakila’ ondatio ty fihembañañe ama’e.

# 15

1 Namboatse anjomba ho am-bata’e an-drova’ i Davide ao t’i Davide, le nañajaria’e
toetse i vatan’ Añaharey vaho nañoreña’e kivoho. 2 Le hoe t’i Davide: Tsy eo ty
hinday i vatan’ Añaharey naho tsy o nte-Levio avao; amy t’ie ty jinobo’ IEHOVÀ
hitarazo i vatan’ Añaharey naho ty hitoroñe Aze nainai’e. 3 Natonto’ i Davide e
Ierosalaime ao t’Israele iaby, haneseañe ty vata’ IEHOVÀ mb’ an-toe’e nihajarie’e ho
aze. 4 Le navori’ i Davide o ana’ i Aharoneo naho o nte-Levio; 5 amo ana’ i Kehàteo:
i Oriele ty talè naho o rahalahi’eo, zato tsy roapolo; 6 amo ana’ i Merario: i Asaià
ty talè naho o rahalahi’eo: roanjato-tsi-roapolo; 7 amo ana’ i Gersomeo: Ioele ty
talè’e naho o rahalahi’eo; zato-tsi-telopolo; 8 amo ana’ i Elitsafaneo; i Semaià ty talè
naho o rahalahi’eo, roanjato; 9 amo ana’ i Kebroneo; i Eliele ty talè naho valopolo
o rahalahi’eo; 10 amo ana’ i Ozieleo; i Aminadabe ty talè naho zato-tsi-folo-ro’ amby
o rahalahi’eo. 11 Kinanji’ i Davide amy zao t’i Tsadoke naho i Abiatare mpisoroñe
naho amo nte-Levio, i Oriele naho i Asaià naho Ioele naho i Semaià naho i Eliele
vaho i Aminadabe, 12 le nanoa’e ty hoe: Inahareo ro talèn’ anjomban-droae nte-
Levio; mañamasiña vatañe, ie naho o longo’ areoo, hanesea’ areo mb’etoy i vata’
IEHOVÀ Andrianañahare’ Israeley, mb’amy nihajariakoy. 13 Ie tsy nendesa’ areo am-
baloha’ey ty nitosira’ IEHOVÀ Andrianañahare aman-tika, amy te tsy nihalalian-tika i

* **14:11** Peratsime: totsake, miboroboñake

fañè zay. 14 Aa le nañefe-batañe o mpisoroñeo naho o nte-Levio, hampionjoñe i vata'
IEHOVÀ Andrianañahare' Israeley. 15 Aa le nitarazoe' o ana' i Levio an-tsoroke am-
boda'e i vatan' Añaharey, amy nandilia' i Mosè ty amy tsara' IEHOVÀiy. 16 Le nisaontsy
amy mpiaolo' o nte-Levio t'i Davide hijoboña'e amo rahalahi'eo o mpisaboo, reke-
pititihañe ara-tsabo, am-pipoñafeñe jejo-bory naho marovany naho fikarantsañe
vaho ionjonam-peo an-drebeke. 17 Aa le jinobo' o nte-Levio t'i Hemane ana' Ioele;
naho o rahalahi'eo, i Asafe, ana' i Berekia; naho o ana' i Merario, i Etane ana' i
Kosaià; 18 naho o rahalahi'e amy saranga faharoeio: i Zekarià, i Bene naho Iaaziele
naho i Semiramote naho Iekiele naho i Oný, i Eliabe naho i Benaià naho i Maaseià
naho i Matitià naho i Elifeleho vaho i Mikneià naho i Ovededome naho Ieiele, songa
mpiamben-dalambey. 19 Tinendre hampikorintseñe o katsàñe torisikeo t'i Hemane
naho i Asafe vaho i Etane, mpisabo; 20 le songa an-jejobory, am-peo abo t'i Zekarià
naho i Aziele naho i Semiramote naho Iehiele naho i Oný naho Eliabe naho i Maaseià
vaho i Benaià. 21 Le an-tali-valo hitarihañe o feo ambaneo t'i Matitià naho i Elifeleho
naho i Mikneià naho i Ovededome naho Ieiele vaho i Azazià. 22 Natao mpañoniñe t'i
Kenanià, talè' o nte-Levio, amy hilala'e onin-tsaboy, toe nahihitse. 23 Nimpitan-dala'
i vatay t'i Berekià naho i Elkanà. 24 I Sebanià naho Iehosafate naho i Netanele naho i
Amasay naho i Zekarià naho i Benaià naho i Eliezere, mpisoroñe, songa nampipopò
trompetra aolo' i vatan' Añaharey; vaho nimpitan-dala' i vatay t'i Ovededome naho
Iekià.

25 Aa le nimb'eo t'i Davide naho o roandria' Israeleo naho o mpifelek' arivoo,
hampionjona' iereo mb'eo i vatam-pañina'IEHOVÀy boak' añ'anjomba' i Ovededome
ao an-drebeke. 26 Ie amy zao, kanao nañolotse o nte-Levy nitarazo i vatam-
pañina' IEHOVÀio t'i Andrianañahare, le nisoroñañe bania fito naho añondrilahy
fito. 27 Nisaroñe leny mireparepa t'i Davide naho o nte-Levy nitarazo i vataio naho o
mpisaboo vaho i Kenanià talè' o mpisabo amo oniñeoo; le nampiombeañe kitambe
leny t'i Davide. 28 Aa le songa nampionjoñe i vatam-pañina' IEHOVÀy am-pazake
t'Israele, am-pitiofañe tsifa naho am-pipopòn-trompetra naho am-pikarantsañe naho
am-pipoñafam-peo reke-jejobory naho marovany. 29 Ie nimoak' an-drova' i Davide ao
i vatam-pañina' IEHOVÀy, le nitilihitse an-dalan-kede t'i Mikale ana' i Saole nahaisake
i Davide nitsinjake naho niankahake ey vaho nitorifiha'e an-trok' ao.

# 16

1 Aa le nendese' iareo i vatan' Añaharey naho najadoñe amy kivoho nihentseña'
i Davide ao vaho nañenga soroñe miharo engam-panintsiñañe añatrefan' Añahare.
2 Ie nihenefe' i Davide ty fañengàñe o soroñe naho engam-panintsiñañeo, le
nitatae'e ondatio ami'ty tahina' IEHOVÀ. 3 Le nanjotsoa'e iaby t'Israele, hene ondaty
naho roakemba, ty vonga-mofo naho venten-kena vaho ty garatom-baloboke maike.
4 Tinendre'e hitoroñe añatrefa' i vata' IEHOVÀy ty ila' o nte-Levio haniahy naho
hañandriañe vaho handrenge IEHOVÀ Andrianañahare' Israele. 5 I Asafe ty talè,
faharoe'e t'i Zekarià, Ieiele naho i Semiramote naho Iehiele naho i Matitià naho i
Eliabe naho i Benaià naho i Ovededome naho Ieiele ro aman-jejobory naho talivalo;
vaho nipoña-peo am-pikarantsañe t'i Asafe; 6 le nampipopò trompetra nainai'e
añatrefa' i vatam-pañinan' Añaharey t'i Benaià naho Iakaziele.

7 Amy andro zay ty nañoriza' i Davide ty fañandriañañe am' IEHOVÀ, am-pità' i
Asafe naho o longo'eo.

8 Ehe andriaño t'IEHOVÀ, kanjio ty tahina'e;
ampahafohino ondatio o fitoloña'eo.
9 Isabo, irengeo an-takasy;
taroño am'ondatio
ze hene fitoloña'e fanjaka.

10 Mitrèña amy tahina’e masiñey;
ampirebeho ty arofo’
o mipay IEHOVÀo.
11 Hotsohotsò t’IEHOVÀ naho o haozara’eo,
tsoeho nainai’e i lahara’ey.
12 Tiahio o fitoloñañe fanjaka nanoe’eo,
o raha tsitantaneo,
naho o fizakàm-palie’eo,
13 Ry tarira’ Israele mpitoro’eo,
ry ana’ Iakobe jinobo’eo.
14 Ie t’IEHOVÀ Andrianañaharentika;
manitsike ty tane toy o fizakà’eo.
15 Tiahio nainai’e i fañina’ey;
i tsara linili’e ami’ty
tariratse faharivo’ey;
16 I nanoe’e amy Avrahamey,
naho i nifantà’e am’ Ietsàkey;
17 Ie niventè’e am’ Iakobe ho lily,
naho am’Israele ho fañina tsy modo,
18 Ami’ty hoe: Ihe ty hitolorako
ty tane’ i Kanàne, ho anjara lova’o;
19 ie mbe tsy niampeampe,
toe potrapotra’e naho renetane ama’e ao.
20 Aa ie nirererere mb’an-tane mb’an-tane naho boak’ ami’ty fiheheañe,
pak’ am-borizañe ila’e,
21 Le tsy napo’e ho joie’ondatio;
eka, iereo ty nañendaha’e mpanjaka ami’ty hoe:
22 Ko tsapae’o o norizakoo,
naho ko joie’o o mpitokikoo.
23 Misaboa am’ IEHOVÀ ry tane toy iaby;
talilio boak’ andro boak’ andro
ty hasoa’ i fandrombaha’ey.
24 Tseizo amo kilakila’ndatio ty enge’e;
o fitoloña’e fanjakao
amo kilakila ondatio.
25 Amy te ra’elahy t’IEHOVÀ,
ho rengèñe añ’abo; hañeveñan-dre
te amo ‘ndrahare ila’e iabio.
26 Toe kafoake iaby ze ndrahare’ ondatio;
IEHOVÀ ty namboatse o likerañeo*.
27 Engeñe naho asiñe ro añatrefa’e eo,
haozarañe naho hafaleañe ro an-toe’e ao.
28 Manolora am’ IEHOVà
ry fifokoa’ ondatio,
atoloro am’ IEHOVÀ ty engeñe
naho haozarañe.
29 Atoloro am’ IEHOVÀ ty engeñe
mañeva i tahina’ey;
añandeso engeñe, le iatrefo,
mitalahoa am’ IEHOVÀ

* 16:26 Sab 96:5

am-pibangoañe miavake.
30 Minevenevera ama'e ry tane toy iaby;
toe mijadoñe ty voatse toy,
tsy hasitsìtse.
31 Ampiehafo o andindiñeo,
ampirebeho ty tane toy;
ampitaroño amo kilakila'ondatio te
mifehe t'IEHOVÀ!
32 Ampitroño i riakey an-kalifora'e,
ampandiao taroba i hivokey,
naho ze hene ama'e ao.
33 Le hisabo an-kafaleañe añatrefa' IEHOVÀ o hatae añ'alao,
Ie hitotsake eo hizaka ty tane toy.
34 Andriaño t'IEHOVÀ, amy te ie ro soa;
nainai'e ty fiferenaiña'e.
35 Le ano ty hoe: Rombaho zahay, ry Andrianañaharem-pandrombaha'ay,
le atontono vaho avotsoro
amo kilakila ondatio,
hañandriaña'ay i tahina'o masiñey,
hitreña'ay azo am-pandrengeañe.
36 Andriañeñe t'IEHOVÀ,
Andrianañahare' Israele,
boak' an-kaehae'e pake haehae añe.
hene nirihoñe ty hoe ondatio: Amène vaho nandrenge IEHOVÀ.
37 Aa le nenga'e añatrefa' i vatam-pañina' IEHOVÀy t'i Asafe mirolongo, hitoroñe
añatrefa' i vatay nainai'e, amy ze fitoloñañe mañeva ty andro; 38 i Ovededome
naho o rahalahi'eo: enempolo-valo amby; naho i Ovededome ana' Ieditone naho i
Kosà ro mpañamben-dalañe; 39 i Tsadoke mpisoroñe naho o rahalahi'e mpisoroñeo,
añatrefa' i kivoho' IEHOVÀy, ankaboañe e Gibone eo, 40 ty hisoroñe am' IEHOVÀ
nainai'e boak' andro naho hariva, ty amy ze hene sinokitse amy Hà' IEHOVÀ nandilia'e
am' Israeley; 41 mpiam' iereo t'i Hemane naho Iedotone naho o ila'e jinoboñeo, o
tinoñon-tahinañeo,
hañandriañe IEHOVÀ, fa nainai'e ty fiferenaiña'e;
42 aa le o mindre amy Hemane naho Iedotoneo ro hampipoñake trompetra naho
fikarantsañe naho o raha titiheñe am-pisaboañe aman' Añahareo; le an-dalambey
eo o ana' Iedotoneo. 43 Aa le songa nimpoly mb'añ' anjomba'e mb'eo ondatio; vaho
nimpoly hitata i anjomba'ey t'i Davide.

# 17

1 Ie amy zao, nimoneñe añ' anjomba'e ao t'i Davide le nanao ty hoe amy Natane
mpitoky t'i Davide: Heheke te mitobok' añ' anjomba mendoraven-draho, fe ambane
firadoradoañe ao ty vatam-pañina' IEHOVÀ. 2 Le hoe t'i Natane amy Davide, Ano
iaby ze añ'arofo'o ao, fa ama'o t'i Andrianañahare. 3 Ie amy haleñey le niheo amy
Natane ty tsaran' Añahare nanao ty hoe: 4 Akia saontsio amy Davide mpitoroko,
Hoe ty tsara' IEHOVÀ, Tsy ihe ty hamboatse akiba ho ahy himoneñako; 5 mboe lia'e
tsy nimoneñe añ'anjomba raho sikal' amy andro nampionjoneko Israeley ampara'
henane, fe boak'an-kivoho mb'an-kivoho vaho boak' ami'ty kibohotse mb' ami'ty
ila'e. 6 Aa ndra aia' aia ty niharoako lia amy Israele, teo hao ty tsara nivolañeko
amo mpitoki' Israele nandiliako hiarake ondatikoo, ty hoe: Aa vaho akore te tsy
namboara' areo anjomba mendoraven-draho? 7 Aa le hoe ty ho saontsie'o amy
mpitoroko Davidey, Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, Rinambeko an-jolok' añondry ao rehe,

boak’ am-piarahañ’ añondry ho mpifehe ondatiko Israeleo; [8] le nimpiama’o raho amy
ze nimba’o iaby naho fonga zinevoko aolo’o o rafelahi’oo vaho nanoako tahinañe
manahake ondaty jabajaba’ ty tane toio. [9] Mbore hañorizako toetse ondatiko Israeleo
naho hajadoko eo himoneña’ iareo an-toe’ iareo ao, le tsy hasiotse ka; vaho tsy
hampiantoe’ o tsivokatseo, manahake te taolo, [10] sikal’ amy andro nampifeheko o
mpizakao ondatiko Israeleoy. Hampiambaneko iaby o rafelahi’oo vaho itaroñako te
IEHOVÀ ty hañoreñe anjomba ho azo. [11] Ie añe naho fa heneke o andro’oo, naho
homb’aman-droae’o mb’eo, le hatroako ty tiri’o hanonjohy azo, ty raik’ amo ana’oo;
le hajadoko i fifehea’ey. [12] Ie ty hamboatse anjomba ho Ahy, le horizako ho nainai’e
tsy modo i fifeleha’ey. [13] Ho rae’e Raho, le ho anako re; le tsy hapitsoko ama’e ty
fiferenaiñako manahake ty nanintahako aze amy niaolo azoy, [14] f’ie hampimoneñako
añ’ anjombako ao naho am-pifeheako ao nainai’e, le hijadoñe kitro añ’afe’e i
fiambesa’ey. [15] Aa le hene nisaontsie’ i Natane amy Davide i tsaray naho i aroñaroñey.
[16] Nizilik’ ao t’i Davide niambesatse añatrefa’ IEHOVÀ, nanao ty hoe: Ia raho, ry
IEHOVÀ Andriananañahare; ino i kivohokoy t’ie nendese’o mb’etoy? [17] Te mone kede
am-pihaino’o izay, ry Andriananañahare kanao nitsarae’o amy akibam-pitoro’o t’ie
ho haehaey, vaho nivazohoe’o hoe t’ie hanahake t’i ondaty añ’abo ao, ry IEHOVÀ
Andriananañahare. [18] Ino ka ty hihalalia’ i Davide ty amy engeñe natolo’o amo
mpitoro’oo? Fa arofoana’o ty mpitoro’o. [19] Ry IEHOVÀ, o mpitoro’oo naho o arofo’oo
ty nanoe’o o raha ra’elahy zao, ty nampaharofoanañe o fonga raha fanjaka rezao.
[20] Ry IEHOVÀ, tsy eo ty mañirinkiriñe Azo, tsy eo ty ndrahare naho tsy Ihe, ty amy
ze he’e jinanjin-tsofi’ay. [21] Le fifeheañe aia an-tane atoy ty manahake ondati’o
Israele nijebañen’ Añahare hondati’eo, hampanaña’o tahinañe jabahinake añamo
fitoloña’o ra’elahy naho maharevendreveñeo, ie rinoa’o aolo’ ondati’o nijebañe’o
amy Mitsraimeio o kilakila’ ondatio? [22] Le nanoe’o ondati’o nainai’e, ondati’o
Israeleo, vaho Ihe ro Andriananañahare’ iareo henane zao, ry IEHOVÀ. [23] Ie amy
zao, ry IEHOVÀ, lonik’ abey te hajado’o nainai’e i nitsarae’o amo mpitoro’oo naho
i akiba’eiy vaho hanoe’o i tsinara’oy. [24] Aa le ajadoño naho ampijabahinaho nainai’e
donia ty tahina’o, hitsarañe ty hoe: IEHOVÀ’ i Màroy ro Andriananañahare’ Israele
naho Andriananañahare am’ Israele; le ehe te hioreñe nainai’e añatrefa’o ty akiba’
i Davide mpitoro’o. [25] Fa Ihe, ry Andriananañahareko, ro nitaroñe amo mpitoro’oo te
handranjia’o anjomba; zay ty nahasibeke o mpitoro’oo hihalaly ama’o. [26] Toe Ihe,
ry IEHOVÀ, ro Andriananañahare vaho nitsarae’o amo mpitoro’oo i hasoa zay; [27] aa le
ninò’o ty hitata i akibam-pitoro’oy, t’ie ho añatrefa’o nainai’e; aa kanao Ihe ro nitata
ry IEHOVÀ, le ho soatata nainai’e.

# 18

[1] Ie añe zay, le linafa’ i Davide o nte-Pelistio naho nampiambanè’e vaho tinava’e
am-pità’ o nte-Pelistio t’i Gate naho o tanà’eo. [2] Linafa’e ka t’i Moabe vaho nimpitoro’
i Davide o nte-Moabeo, nandroroñe ama’e. [3] Linafa’ i Davide t’i Hadadezere,
mpanjaka’ i Tsobà pake Kamate, ie nionjoñe mb’ an-tsaka Perate añe hampijadoñe i
fifehea’ey. [4] Tinava’ i Davide ama’e ty sarete arivo naho ty mpiningi-tsoavala fito
arivo naho ty lahindefo ro’ale; vaho nanoe’ i Davide firasintake iaby o soavalao
fe nahaja’e ty sarete zato. [5] Ie avy o nte Arame boak’e Damesèkeo hañolotse i
Hadadezere mpanjaka’ i Tsobà, le zinama’ i Davide ty lahindefoñe ro’ale-tsi-ro’arivo
amo nte Arameo. [6] Nampijadoñe’ i Davide mpirimboñe amy zao t’i Damesèke’ i
Arame; vaho ninjare mpitoro’ i Davide o nte-Arameo vaho nandroroñe ama’e. Tinolo’
IEHOVÀ fandreketañe t’i Davide ndra aia aia ty nomba’e. [7] Rinambe’ i Davide o fikalan-
defo volamena tamo mpitoro’ i Hadadezereo vaho nendese’e mb’e Ierosalaime añe.
[8] Boake Tibkate naho i Kone, rova’ i Hadadezere, ty nañandesa’ i Davide torisike tsy

fotofoto, ie nanoe' i Selomò i sajoabey torisìkey naho i fahañe rey naho o fanake
torisìkeo. 9 Ie jinanji' i Tô, mpanjaka' i Kamate te zinevo' i Davide ty valobohò'
i Hadadezere mpanjaka' i Tsobà 10 le nirahe'e t'i Hadorame ana'e mb' amy Davide
mpanjaka mb'eo hañontane naho hañandriañe aze, ty amy nialia'e amy Hadadezere
naho nanjevo aze; ie nimpialy amy Tô t'i Hadadezere; le nampindreza'e fanake
volamena naho volafoty vaho torisìke maro karaza'e. 11 Noriza' i Davide ho am'
IEHOVÀ irezay, mitraok' ami'ty volafoty naho volamena nakare'e amo fifeheañe iabio;
amy Edome naho i Moabe naho amo ana' i Amoneo naho amo nte-Pelistio vaho amy
Amaleke. 12 Mbore namofoke nte-Edome rai-ale-tsi-valo-arivo am-bavatanen-Tsira ao
t'i Abisay ana' i Tseroià. 13 Najado'e Edome ao ty mpirimboñe vaho fonga nimpitoro'
i Davide o nte-Edomeo. Zay ty nimbae' IEHOVÀ i Davide ndra aia aia ty nomba'e.
14 Aa le nifehè' i Davide t'Israele iaby vaho hene nizaka'e an-kavantañañe ondati'eo.
15 Ioabe ana' i Tseroià ty mpifeleke i valobohòkey naho Iehosafate ana' i Akilode ty
mpamolily. 16 Nimpisoroñe t'i Tsadoke ana' i Akitobe naho i Abimelek' ana' i Abiatare
vaho nimpitàn-tsokitse i Savsà; 17 Nimpifehe o nte-Kereteo naho o nte-Peleteo t'i
Benaià ana' Iehoiada; vaho lohàñe amo niariseho i mpanjakay o ana' i Davideo.

# 19

1 Ie añe zay le nivilasy t'i Nakase mpanjaka' o ana' i Amoneo, le nandimbe aze
nifehe i ana-dahi'ey. 2 Le hoe t'i Davide: ho tretrezeko t'i Kanone ana' i Nakase amy
te nitretrezen-drae'e. Aa le nañitrifa' i Davide ìrake hañohò aze ty aman-drae'e. Aa
le nimb'an-tane' o ana' i Amoneo mb' amy Kanone ao o mpitoro' i Davideo hañohò'
aze, 3 fe hoe o roandria' o ana' i Amoneo amy Kanone; Atao'o te hiasy an-drae'o
hao t'i Davide, ie nañihitrifa'e mpañohò? tsy mone nimb' ama'o mb'etoy i mpitoro'e
rey hijilojilo naho hitsoetsoeke vaho hitingatingañe an-tane atoy? 4 Aa le rinambe'
i Kanone i mpitoro' i Davide rey vaho niharate'e naho tinampa'e añivo o saro'eo,
pak' am-piambesara'e vaho nanoe'e soike. 5 Nimb'eo amy zao ty nitalily amy Davide
i nanoañe indaty reiy. Le nirahe'e ty hifanalaka ama'e; fa loho salatse indaty rey. Le
hoe i mpanjakay, Mandiñisa e Ieriko ao ampara' te mitombo o tateahe' areoo, zay
vaho mimpoly.

6 Ie napota' o ana' i Amoneo t'ie mañati-fofots' amy Davide, le nihitrife' i Kanone
naho o ana' i Amoneo ty volafoty arivo hañaramà' iareo sarete naho mpiningi-
tsoavala boake Arame-naharaime naho boak'e Arame-maakà vaho boak' amy Tsobà.
7 Aa le nañeke sarete telo-ale-tsi-ro'arivo naho ty mpanjaka' i Maakà rekets' ondati'eo;
le nimb'e Medebà mb'eo iereo vaho nitobe. Nifanontoñe ka o ana' i Amone boak'
an-drova'eo, le nimb'eo hialy. 8 Ie jinanji' i Davide, le nirahe'e mb'eo t'Ioabe naho
ze fonga fanalolahy amy valobohokey. 9 Niavotse o ana' i Amoneo nandahatse i
aliy an-dalambei' i rovay vaho niereñereñe an-kivoke ey o mpanjaka niavio. 10 Ie
nizoe' Ioabe te niatrek' aze aolo naho amboho' i hotakotakey, le jinobo'e iaby ty
fanalolahi' Israele vaho nampiatrefe'e amo nte-Arameo. 11 Nafanto'e ho am-pità' i
Abisay rahalahi'e ondaty ila'eo le sindre nilahatse hiatreke amo ana' i Amoneo. 12 Aa
hoe re, Naho loho maozatse amako o nte-Arameo le ihe ty hañolotse ahy; aa naho
maozatse te ama'o ka o ana' i Amoneo le zaho ty hañolotse azo. 13 Mahasibeha
le antao tika hamente t'ie maozatse ho am'ondatin-tikañeo naho ho amo rovan'
Añaharen-tikañeo; le hanoe' IEHOVÀ ze arofoana'e hahasoa. 14 Aa le niheo mb'eo
t'Ioabe naho ondaty mpiama'eo nihotakotak' amo nte Arameo, ie nitriban-day aolo'e
eo. 15 Aa ie nioni' o ana' i Amoneo te nilay añe o nte-Arameo le nilay añatrefa' i
Abisay, rahalahi'e ka vaho nimoak' an-drova ao. Aa le nimpoly mb'e Ierosalaime añe
t'Ioabe. 16 Ie nirendre' o nte-Arameo te ginio' Israele, le nañitrike ìrake, nangalake
o nte-Arame alafe' i Sakaio, rekets' i Sopake mpifehe' ty valobohò' i Hadadezere ho
mpiaolo. 17 Natalily amy Davide, le natonto'e iaby t'Israele naho nitsake Iordaney

mb’eo naho nivotrak’ am’ iereo vaho nalaha’e am’ iereo i hotakotakey. Aa ie nalaha’
i Davide amo nte-Arameo i aley le nifandrapaha’e. 18 Nilay añ’ atrefa’ Israele o nte-
Arameo; le zinevo’ i Davide ty fito-arivo amo nte-Arame an-tsareteo naho ty efats-ale
an-tomboke vaho vinono’e t’i Sopake mpifehe’ i valobohòkey. 19 Ie tendrek’ amo
mpitoro’ i Haderezereo te ginio’ Israele, le nifampilongo amy Davide naho nitoroñe
aze vaho tsy nimete handrombake o ana’ i Amoneo ka o nte-Arameo.

# 20

1 Ie nibalike ty taoñe, an-tsa-piavota’ o mpanjakao hialy, le nampionjone’ Ioabe
ty haozara’ o lahindefoñeo naho nampangoakoaheñe ty tane’ o ana’ i Amoneo, le
nimb’e Rabà mb’eo niarikatok’ aze. Mbe nihenekeneke e Ierosalaime añe t’i Davide,
le Ioabe ty namofoke i Rabà vaho nandrotsak’ aze. 2 Rinambe’ i Davide añ’ambone’ i
mpanjaka’ iareoy ty sabaka’e le nizoe’e t’ie nilanja talentam-bolamena raike reketse
vatosoa, le naombe ami’ ty añambone’ i Davide vaho nakare’e ty nikopaheñe amy
rovay, toe tsifotofoto. 3 Nendese’e boak’ ao ondatio le nampitromahe’e an-dasý naho
lasarì-vý vaho fekoñe. Ie ty nanoe’ i Davide amo fonga rova’ o ana’ i Amoneo. Le
hene nimpoly mb’e Ierosalaime mb’ eo t’i Davide naho o’ ondatio.
4 Ie añe, le nifandrapake ty aly amo nte-Pelistio e Gezere ao, naho zinevo’ i Sibekay
nte-Kosate henane zay t’i Sipay, ana’ o joalalahio; le nampiambanèñe iereo. 5 Nipoake
indraike ty aly amo nte-Pelistio; Le zinevo’ i Elkanane ana’ Iaire, t’i Lakmý rahalahi’
i Goliate nte Gite, i taran-defo’ey nanahake ty bodam-panenoñe. 6 Ie nipoak’aly
indraike e Gate ao, le teo t’indaty nijoala, ty fitonto’ o rambom-pità’e naho rambom-
pandia’eo le roapolo-efats’amby, ki-ene-ki-eneñe; ie nitariran-joalalàhy ka. 7 Ie
nisigihe’e t’Israele, le vinono’ Ionatane ana’ i Simeà rahalahi’ i Davide. 8 Songa tarira’
ty joalalahy e Gate ao; sindre nizevoñem-pità’ i Davide naho ty fità’ o mpitoro’eo.

# 21

1 Nitroatse am’ Israele amy zao i mpañinjey nañosike i Davide hañiake Israele.
2 Le hoe t’i Davide am’ Ioabe naho amo mpiaolo’ ondatio; Akia volilio t’Israele boake
Beer-Sevà pake Dane añe; vaho andeso amako ho isako. Fa hoe t’Ioabe: 3 Ehe te
hampitomboe’ IEHOVÀ in-jato ty hamaro’e, f’ie tsy songa mpitoron-talèko hao ry talèko
mpanjaka? ino ty paia’ i talèko o raha zao? Ino ty hampanaña’e hakeo Israele? 4 Fe
naharekets’ Ioabe ty saontsi’ i mpanjakay. Aa le niavotse t’Ioabe, nanitsike Israele
vaho nimpoly mb’e Ierosalaime mb’eo. 5 Le natolo’ Ioabe amy Davide ty fitonto’
i famoliliañe ondatioy. Aa naho Israele iaby, le rai-tampetrisa-tsi-rai-hetse t’indaty
nahafitsoa-pibara vaho am’Iehodà, efats-etse-tsi-fito-ale t’indaty nahafitsoa-pibara.
6 Fe tsy vinolily am’ iereo t’i Levý naho i Beniamine; amy te nampitorifike Ioabe
ty saontsi’ i mpanjakay.
7 Nihejen’Añahare i raha zay; le linafa’e t’Israele. 8 Le hoe t’i Davide aman’
Añahare: aman-kakeo bey raho, amy nanoeko i rahay; ehe apoho henaneo i tahim-
pitoro’oy; amy te nanao hadagolàñe. 9 Le nitsara amy Gade, mpitoki’ i Davide,
t’IEHOVÀ, nanao ty hoe: 10 Akia saontsio amy Davide ty hoe: Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Azotsoko ama’o ty raha telo, ijoboño ty hanoako. 11 Aa le nimb’ amy Davide mb’eo
t’i Gade le nanoe’e ty hoe; Hoe ty nafè’ IEHOVÀ: Joboño ze tea’o, 12 ke t’ie ho san-
kerè telo taoñe, ke ho fafàñe aolon-drafelahi’o telo volañe, ie manjomòts’ azo ty
fibaran-drafelahi’o, he ho telo andro am-pibara’ IEHOVÀ, rekets’ angorosy amy taney,
ie tsitsife’ ty Anjeli’ IEHOVÀ rotsake ty an-tane’ Israele. Aa le ereñereño henaneo
ty vale’e hampoliko amy nañirak’ ahiy. 13 Le hoe t’i Davide amy Gade, Vata’e dobo
raho; apoho hikorovok’ am-pità’ IEHOVÀ, amy te ra’elahy o fiferenaiña’eo; fa ko ado’o
hivarinjonjok’ am-pità’ondaty. 14 Aa le nirahe’ IEHOVÀ am’ Israele ty angorosy; le

ondaty fito-ale ty nitsingoritrìtse. 15 Nampihitrifen’ Añahare am’ Ierosalaime ty
anjely handrotsake, aa ie ho nanjevo le najihe’ IEHOVÀ; niferenaiña’e tsy hanao i
hankàñey vaho nanoe’e ty hoe i anjely mpandrotsakey, Soa zay, agebaño henaneo ty
fità’o. Le nijohañe marine’ ty tanem-pifofoha’ i Ornane nte-Iebosý eo i anjeli’ IEHOVÀy.
16 Nampiandra fihaino amy zao t’i Davide le nioni’e nijohañe añivo’ ty tane toy naho i
likerañey i anjeli’ IEHOVÀy, ie natorakitsi’e ambone’ Ierosalaime eo ty fibara tsinoake
am-pità’e. Nibabok’ an-daharañe amy zao t’i Davide naho o androanavi’ Israeleo
songa nisikin-gony. 17 Le hoe t’i Davide aman’ Añahare, Tsy zaho hao ty nandily
ty fañiahañe ondatio? Zaho avao ty nandilatse, nanao i haratiañey; fa o añondry
retoañe, ino ty nanoe’ iareo? Ehe te ho amako naho añ’ anjomban-draeko ty fità’o
ry IEHOVÀ Andrianañahareko, fa tsy am’ondati’oo, hanjamañe iareo.
18 Aa le nampisaontsie’ i anjeli’ IEHOVÀy i Gade amy Davide, te hampitroare’ i
Davide am’ IEHOVÀ ty kitrely an-tanem-pamofoha’ i Ornane nte-Iebosý eo. 19 Le
nionjomb’eo t’i Davide ty amy nitaroña’ i Gade ami’ty tahina’ IEHOVÀy. 20 Ie nitolike
t’i Ornane le nioni’e i anjeliy, le niharo nietake, ie naho ty ana-dahi’e efatse.
Namofoke vare-bolè t’i Ornane henane zay. 21 Ie nimb’e Ornane mb’eo t’i Davide,
le niandra t’i Ornane, nahaisake i Davide, le niavotse mb’ an-tanem-pamofohañe
mb’eo vaho nibokok’ amy Davide, ty lahara’e mb’an-tane. 22 Le hoe t’i Davide amy
Ornane, Atoloro ahy ty toem-pamofohañe toy hañamboarako kitrely am’IEHOVÀ;
atoloro ahy ami’ty vili’e do’e, hampijihetse i angorosiy am’ ondatio. 23 Le hoe
t’i Ornane amy Davide, Endeso ho azo le hanoa’ i talèko mpanjakay ze soa am-
pihaino’e. Ingo atoloko azo o añombeo ho soroñe naho o haraom-pamofohañeo
ho hatae vaho o vare-bolèo ho enga mahakama; fonga itolorako. 24 Le hoe t’i Davide
mpanjaka amy Ornane, Aiy avao! tsy mete tsy vilieko ami’ty vili’e do’e, fa tsy ho
rambeseko ho a IEHOVÀ o azoo, ndra hañenga soroñe tsy amam-bily. 25 Aa le natolo’
i Davide amy Ornane ho amy toetsey ty sekelem-bolamena enenjato ami’ty lanja’e
26 naho nandranjy kitrely am’ IEHOVÀ eo t’i Davide le nañenga soroñe naho engam-
panintsiñañe naho nikanjy IEHOVÀ vaho natoi’e boak’ andikerañe ey, nampidoiñ’ afo
ambone’ i kitrely fisoroñañey. 27 Ie linili’ IEHOVÀ i anjeliy le naombe’e an-kotra’e ao i
fibara’ey. 28 Nioni’ i Davide henane zay te nanoiñe aze an-toem-pamofoha’ i Ornane
nte-Iebosý eo t’IEHOVÀ le eo ty nañenga’e soroñe. 29 Amy te mbe an-toets’ abo’ i
Gibone añe ty kivoho’ IEHOVÀ niranjie’ i Mosè am-patrambey añe naho i kitrelim-
pisoroñañey henane zay. 30 Fe tsy nete niatrek’ ama’e eo t’i Davide hañontane an’
Andrianañahare fa nampirevendreveñe aze i fibaran’ anjeli’ IEHOVÀy.

# 22

1 Le hoe t’i Davide, Etoy ty anjomba’ IEHOVÀ Andrianañahare naho itoy ty kitrelim-
pisoroña’ Israele. 2 Linili’ i Davide te hatontoñe o renetane’ an-tane’ Israeleo; le
nampijadoñe’e mpandrafi-bato hihaly vato handranjiañe i anjomban’ Añaharey.
3 Hinajari’ i Davide ty viñe maro hatao fati-by amo lalambey fimoahañeo naho ho
famitrañañe; naho torisike tsifotofoto tsy aman-danja; 4 vaho boda mendoraveñe tsy
aman’ iake, amy te ninday boda mendorave tsiefa amy Davide o nte Tsidoneo naho o
nte-Tsoreo. 5 Le hoe t’i Davide: Mbe tora’e naho tsy zatse t’i Selomò anako vaho tsy
mete tsy ho vata’e fanjaka ty anjomba ho ranjieñe am’ IEHOVÀ, rekets’ engeñe naho
asiñe amo hene fifeheañeo; le hihentseñako. Aa le maro ty nihajarie’ i Davide taolo’
ty nihomaha’e.
6 Tinoka’e amy zao t’i Selomò, ana-dahi’e le nafantopanto’e t’ie ty handranjy i
anjomba’ IEHOVÀ, Andrianañahare’ Israeley. 7 Le hoe t’i Davide amy Selomò, O anako,
tan-troko ao ty hamboatse anjomba ho amy tahina’ IEHOVÀ Andrianañaharekoy. 8 Fe
niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: Nampidoandoan-dio rehe, losotse o

aly bey nanoe’oo; tsy ihe ty hamboatse akiba ami’ty añarako, amy t’ie nampiori-
dio tsifotofoto an-tane am-pahatreavako eo. 9 Oniño te hisamak’ ana-dahy rehe,
ondatin-kanintsiñe naho hampitofàko amo rafelahi’e mañohok’ aze iabio naho hatao
Selomò ty añara’e vaho ho tolorako fierañerañañe naho fañanintsiñe t’Israele amo
andro’eo. 10 Ie ty handranjy akiba ho ami’ty añarako, le ho rae’e raho; vaho
hajadoko ambone’ Israele eo nainai’e donia ty fiambesam-pifehea’e. 11 Ie amy
zao ry anako, hitahy azo t’Iehovà; hampiraoraoa’e, le ranjio ty anjomba’ Iehovà
Andriananañahare’o amy nitsarae’e ama’oy. 12 Hatolo’ Iehovà azo ty hihitse naho
hilala hifehea’o t’Israele; hahavontitira’o ty Hà’ Iehovà Andriananañahare’o. 13 Le
hihavelon-drehe naho hambena’o o fañè’e naho fepè’ linili’ Iehovà i Mosè am’
Israeleo; mihaozara naho mahasibeha; ko hembañe, ko miroreke. 14 Mahaoniña te
ami’ty hatsimboeko ty nihentseñeko ho amy anjomba’ Iehovày ty talenta volamena
rai-hetse naho talenta volafoty arivon’ arivo vaho viñe naho torisike tsy aman-danja,
ami’ ty hatsifotofoto’e. Mbore nihajarieko boda naho vato, le mbe ho tovoña’o.
15 Toe ama’o ka ty mpandranjy tsi-efa naho mpihaly naho mpamàñe vato naho
mpandrafitse vaho ondaty mahimbañe amy ze atao fitoloñañe iaby. 16 Ty amy
volamenay, i volafotiy, i torisikey vaho i vìñey, le tsy aman’ iake, Miongaha naho
mifanehafa, fa hitahy azo t’Iehovà.
17 Nililie’ i Davide ka o roandria’ Israele iabio ty hañolotse i Selomò ana’e,
ami’ty hoe: 18 Tsy nitahie’ Iehovà Andriananañahare’ areo hao nahareo? Tsy fonga
nampitofà’e o añ’ila’ areoo? Fa natolo’e an-tañako ze hene mpimone’ ty tane toy;
vaho fa nampiambanèñe añatrefa’ Iehovà o taneo naho aolo’ ondati’eo. 19 Aa le
ampitsoeho o arofo’ areoo naho o fañova’ areoo t’Iehovà Andriananañahare’ areo;
miongaha vaho amboaro i toetse masi’ Iehovà Andriananañaharey, hañandesañe mb’
añ’ anjomba ho ranjieñe amy tahina’ Iehovày mb’eo i vatam-pañina’ Iehovày naho
o fanake masin’Añahareo.

## 23

1 Nigain-kantetse t’i Davide naho nilifots’andro; vaho nanoe’e mpanjaka’ Israele
t’i Selomò ana-dahi’e. 2 Le natonto’e iaby o roandria’ Israeleo naho o mpisoroñeo
vaho o nte-Levio. 3 Niaheñe amo añambone’eo ki-ondaty-ondaty, o nte-Levy telopolo
taoñe mañamboneo, le ni-telo-ale-tsi-valo-arivo. 4 Ro’ale-tsi-efats’ arivo am’ iereo
ty hisary ty fitoloñañe amy anjomba’ Iehovày; le eneñ’ arivo ty ho mpifeleke naho
mpizaka; 5 le efats’arivo ty hañamben-dalambey; vaho efats’ arivo ty hisabo am’
Iehovà amo fititihañe niranjieko ho fijejoañeo. 6 Zinara’ i Davide am-pirimboñañe
o ana’ i Levio: i Gersone, i Kehàte vaho i Merarý. 7 Amo nte-Gersoneo: i Ladane
naho i Simeý. 8 O ana’ i Ladaneo: Iekiele ty nimpiaolo naho i Zetame vaho Ioele, telo.
9 O ana’ i Simeio; i Selomite naho i Kaziele vaho i Harane, telo. Iereo ty nimpiaolo
añ’ anjomba’ i Ladane rae’e. 10 O ana’ i Simeìo: Iakate, i Zinà naho Iehose vaho i
Beria. I efatse rey ro ana’ i Simeý. 11 Talè t’Iakate, faha-roe t’i Zizà; le tsy nimaro
anake t’Iehose naho i Berià vaho nivolilieñe ho raike iereo ty aman’ anjomban-droae.
12 O ana’ i Kehàteo: I Amrame, Iitshare, i Kebrone vaho i Oziele, efatse. 13 O ana’
i Amrameo: i Aharone naho i Mosè; navike t’i Aharone, nambahañe hiavake do’e,
ie naho o ana-dahi’e nainai’e doniao, hañembok’ añatrefa’ Iehovà naho hitoroñe
aze vaho hibango i tahina’ey nainai’e. 14 Niaheñe am-pifokoa’ i Levy ao o ana’ i
Mosè, ondatin’ Añahareo. 15 O ana’ i Mosèo: i Gersome naho i Eliezere. 16 O ana’
i Gersomeo: i Seboele, talè. 17 Ana’ i Eliezere t’i Rekabià, talè. Tsy nanañ’ anake
ila’e t’i Eliezere fe tsiefa ty anadahi’ i Rekabia. 18 O ana’ Iitshareo: i Selomite, talè.
19 O ana’ i Kebroneo: Ierià, tañoloñoloña’e, i Amarià ty faharoe, Iakaziele ty fahatelo
vaho Iekameame ty fahefatse. 20 O ana’ i Ozieleo: i Mikà, tañoloñoloña’e naho Iesià,
faharoe. 21 O ana’ i Merario: i Maklý naho i Mosý. Le o ana’ i Maklìo: I Eleazare

naho i Kise. 22 Nivilasy tsy aman' ana-dahy t'i Eleazare, f'ie nanañ' anak' ampela, le
nengae' o rahalahi'e ana' i Kiseo iereo. 23 O ana' i Mosio: i Maklý naho i Edere vaho
Ieremote, telo.
24 Zay o ana' i Levio amo anjomban-droae'eo; o talèn-droae'eo, ie vinolily an' iake
ty amo tahina'eo, ty amo añambone'eo; o nifanehak' am-pitoloñañe añ' anjomba'
IEHOVÀ ao boak'an-tao'e faha-roapolo mañamboneo. 25 Ami'ty nanoe' i Davide ty
hoe, Fa tinolo' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele fitofàñe ondati'eo; ie himoneñe e
Ierosalaime ao nainai'e. 26 Le o nte-Levio: tsy ho tarazoe' iereo ka i kivohoy ndra
o fana-pitoloñañeo. 27 Fa ty tsara' fara' i D'avide, le ty famoliliañe o nte-Levy
roapolo taoñe mañamboneo. 28 Amy te nampijadoñeñe am-pità' o ana' i Aharoneo
ty fitoloñañe añ'anjomba' IEHOVÀ ao, an-kiririsa'e ao naho amo efets' efe'eo naho
amy fañeferañe o raha masiñe iabioy vaho ty fitoroñañe añ' anjomban' Añahare,
29 amy mofo miatrekey naho amy mona'e ho enga-mahakamay naho ty mofo-pila'e
tsy aman-dalivay, ke t'ie toñaheñe añ' endraendra he alaro menake naho ze hene
fañaranañe naho fanjeheañe; 30 naho t'ie hijohañe eo boa-maraiñe, hañandriañe
naho handrenge IEHOVÀ, naho hariva ka; 31 naho hañenga ze hene soroñe am' IEHOVÀ,
amo SABATAO naho amo pea-bolañeo naho amo andro namantañañeo, ami'ty ia'e
nafetse, añatrefa' IEHOVÀ nainai'ey; 32 vaho hañambeñe i kivohom-pamantañañey
naho hañambeñe i toetse masiñey naho hiaolo o ana-dahi' i Aharone, roahalahi'eo,
ami'ty fitoroñañe añ' anjomba' IEHOVÀ ao.

# 24

1 Zao o firimboñan' ana' i Aharoneo: O ana' i Aharoneo: i Nadabe naho i Abihò, i
Eleazare naho Itamare. 2 Toe nihomake taolon-drae'e t'i Nadabe naho i Abihò, ie mbe
tsy nisamake; aa le i Eleazare naho Itamare ty nitoloñe ho mpisoroñe, 3 le nitraok'
amy Tsadoke tarira' i Eleazare naho i Akimeleke tarira' Itamare t'i Davide nizara
iareo am-pirimboñañe ty amo fitoroñañeo. 4 Ie amy zao nimaro ty talè amo tarira' i
Eleazareo te amo tarira' Itamareo; le zao ty nizarañe iareo: folo-eneñ' amby ty amo
talèn-anjomban-droae'eo ty ana' i Eleazare, naho valo ty amo anjomban-droae'eo
ty ana' Itamare. 5 Aa le nifanjara an-kitsapake iereo, ty raike naho ty ila'e vaho
songa nanañe mpiaolo amy toetse masiñey naho mpiaolo aman' Añahare o ana' i
Eleazareo naho o ana' Itamareo. 6 I Semaià, ana' i Netanele, nte-Levý, mpanokitse, ty
nanokitse iareo añatrefa' i mpanjakay naho o mpiaoloo naho i Tsadoke mpisoroñe
naho i Akimelek' ana' i Abiatare naho o talèn-droaem-pisoroñeo vaho o nte-Levio;
rinambe ami'ty anjomban-droae raike ty ho a i Eleazare vaho rinambe ami'ty ila'e ty
ho a Itamare. 7 Ty tsapake valoha'e niazo Iehoiaribe, ty faharoe, Iedaià; 8 ty faha-telo
i Karime, ty fah'efatse, i Seorime, 9 ty faha-lime i Malkiià, ty fah' eneñe, i Miiamine,
10 ty faha-fito, i Hakotse, ty faha-valo i Abiià, 11 ty faha-sive, Iesoà, ty faha-folo, i
Sekanià, 12 ty faha-folo-raik' amby, i Eliasibe, ty faha-folo-ro' amby, Iakime, 13 ty
faha-folo-telo' amby, i Kopà, ty faha-folo-efats' amby, Iesebeabe, 14 ty faha-folo-lim'
amby, i Bilgà, ty faha-folo-eneñ' amby, Imere, 15 ty faha-folo-fito' amby, i Kezire, ty
faha-folo-valo' amby, i Hapitsetse, 16 ty fahafolo-siv' amby, i Petakià, ty faha-roapolo,
Iekezkele 17 ty faha-roapolo-raik' amby Iakine, ty faha-roapolo-ro' amby, i Gamole,
18 ty faha-roapolo-telo' amby i Delaià, ty faha-roapolo-efats' amby i Mahazià. 19 Zay
o firimboña' iareoo naho ty filaharam-pitoroña' iareo añ'anjomba' IEHOVÀ ao, ty
amy lily natolotse am-pità' i Aharone rae' iareoy, i nandilia' IEHOVÀ Andrianañahare'
Israeley.
20 Aa naho o ana' i Levý nisisao: amo ana' i Amrameo: i Sobaele; amo ana' i
Sobaeleo, Iedeià. 21 Le i Rekabià, amo ana' i Rekabiào: Ies'sià ty talè. 22 Amo nte-
Iitsehareo, i Selomote; amo ana' i Selomoteo, Iakate, 23 Amo ana' i Kebroneo, Ierià

talè; faharoe i Amarià, fahatelo Iakaziele, fah' efatse Iekameame. 24 Amo ana' i Oziele,
i Mikà; amo ana' i Mikào, i Samire. 25 Rahalahi' i Mikà t'Ies'sià: amo ana' Ies'siao:
i Zekarià; 26 o ana' i Merarìo: i Maklý naho i Mosý; o anan' ana' Iaaziào; 27 toe
o ana' i Merarìo amy ana'e Iaaziày, i Sohame naho i Zakore vaho Ivrý. 28 Amy
Maklý: i Eleazare, tsy nanañ' ana-dahy. 29 Amy Kise: o ana' i Kiseo, Ierakmeele. 30 O
ana' i Mosio; i Maklý naho i Edere vaho Ierimote. Ie ro ana' o nte-Levio ty amo
anjomban-droae'eo. 31 Nifanao kitsapake ka iereo manahake o longo' iareo ana-dahi'
i Aharoneo, añatrefa' i Davide mpanjaka naho i Tsadoke naho i Akimeleke naho o
talèn' anjomban-droaem-pisoroñeo naho o nte-Levio—o talèn-droaeo naho o zai'eo.

# 25

1 Mbore zinara' i Davide naho o mpifehe' i valobohòkeio amo fitoloñañeo o ana'
i Asafeo naho i Hemaneo vaho Iedotoneo, ze hitoky ie ama' marovany naho aman-
jejobory vaho amam-pikantsañañe: le ty ia' o nitoloñe amy fitoroñañeio: 2 o ana'
i Asafeo: i Zakore naho Iosefe naho i Netanià vaho i Asarelà; songa ana' i Asafe
ambanem-pità' i Asafe, mpitoky ambanem-pità' i mpanjakay. 3 Iedotone: o ana'
Iedotoneo, i Gedalià, i Tserý, Iesaià, i Kasabià naho i Matitià, eneñe, ambanem-
pitàn-drae'e Iedotone, mpitoky añoza-marovany, mpañandriañe naho mpandrenge
IEHOVÀ. 4 I Hemane, o ana' i Hemaneo: i Bokià, i Matanià, i Oziele, i Seboele naho
Ierimote, i Kananià, i Kananý, i Eliatà, i Gidaltý naho i Romamtiezere, Iosbekasà,
i Malotý, i Makaziote. 5 Songa ana' i Hemane, mpitoki' i mpanjakay ty amy ze
mioza aman' Añahare, hañonjonañe i tsifay. Tinolon' Añahare ana-dahy folo-efats'
amby naho anak' ampela telo t'i Hemane. 6 Songa ambanem-pitàn-drae'e hisabo
añ' anjomba' IEHOVÀ ao reketse fikantsañañe, jejobory naho marovany, hitoroñe i
anjomban' Añaharey, ambanem-pità' i mpanjakay, amy Asafe, amy Iedotone vaho
amy Hemane. 7 Ty ia' iareo naho o rahalahi' iareoo naòke hisabo am' IEHOVÀ, ze
hene nahimbañe le roanjato-tsi-valompolo-valo' amby.

8 Sindre nanao ki-tsapake ho amy fitoloña'ey, ty kede naho ty bey, ty mpañoke vaho
ty mpioke. 9 Ty tsapake valoha'e ho a' i Asafe le Iosefe; ty faharoe, a i Gedalià; ie naho
o rahalahi'eo naho o ana-dahi'eo, folo-ro' amby.

10 Ty fahatelo a i Zakore, o rahalahi'e naho ana-dahi'eo, folo-ro'amby. 11 Ty
fahefatse a i Itsrý; o ana'dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 12 Ty fahalime,
a i Netanià, o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 13 Ty fah'eneñe, a i
Bokià, o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 14 Ty faha-fito a i Iesarelà,
o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 15 Ty fahavalo a i Iesaià, o ana-
dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 16 Ty fahasive a i Matanià, o ana-dahi'eo
naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 17 Ty fahafolo a i Simey, o ana-dahi'eo naho o
rahalahi'eo, folo-ro' amby. 18 Ty fahafolo-raik'amby, a i Azarele, o ana-dahi'eo naho
o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 19 Ty fahafolo-ro' amby, a i Kasabià, o ana-dahi'eo naho
o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 20 Ty fahafolo-telo'amby, a i Sobaele, o ana-dahi'eo naho
o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 21 Ty fahafolo-efats'amby, a i Matitià, o ana-dahi'eo
naho o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 22 Ty fahafolo-lim' amby, a i Ieremote, o ana-
dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 23 Ty fahafolo-eneñ'amby, a i Kananià, o
ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 24 Ty fahafolo-fito'amby, a i Iosbekasà;
o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 25 Ty fahafolo-valo'amby, a i Kananý,
o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 26 Ty fahafolo-sive'amby, a i Malotý,
o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 27 Ty faha-roapolo, a i Eliatà, o ana-
dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 28 Ty faha-roapolo-raik'amby, a i Hotire, o
ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro'amby. 29 Ty faha-roapolo-ro' amby, a i Gidaltý,
o ana-dahi'eo naho o rahalahi'eo, folo-ro' amby. 30 Ty faha-roapolo-telo'amby, a i

Makaziote, o ana-dahi’eo naho o rahalahi’eo, folo-ro’amby. 31 Ty faha-roapolo-efats’
amby, a i Romamtiezere, o ana-dahi’eo naho o rahalahi’eo, folo-ro’amby.

## 26

1 Ty amo firimboñam-pitan-dalambeio: Amo nte-Koraheo, i Meselemià, ana’ i
Kore, tarira’ i Asafeo. 2 O ana’ i Meselemiào: i Zekarià ty tañoloñoloña’e, Iediaele
ty faharoe, i Zebadià ty fahatelo, Iatniele ty fah’efatse, 3 i Elame ty fahalime,
Iehokanane ty fah’ eneñe, i Elioenay ty faha-fito. 4 O ana’ i Abededomeo: i Semaià
ty tañoloñoloña’e, Iehozabade ty faharoe, Ioake ty fahatelo, i Sakare ty fahefatse,
i Netanele ty fahalime, 5 i Amiele ty fah’ eneñe, Isakare ty faha-fito, i Peolètae
ty fahavalo amy te nitahien’ Añahare. 6 Nisamak’ ana-dahy ka t’i Semaià ana’e,
sindre mpiaolon’ anjomban-droae’e, lahilahy maozatse mahasibeke. 7 O ana-dahi’
i Semaiào: i Otný naho i Refaele; vaho i Ovede naho i Elzabade rahalahi’e, songa
fanalolahy; i Elihò ka naho i Semakià. 8 Ie ro tamo ana’ i Ovededomeo: ie naho
o ana-dahi’eo naho o rahalahi’eo songa ondaty mahasibeke naho maozatse amo
fitoloñañeo, enem-polo-ro’ amby, amy Ovededome. 9 Nanañ’ anake naho rahalahy
t’i Meselemià, fanalolahy, folo-valo’ amby. 10 I Kosà ka, tarira’ i Merario: i Simrý
talè, (toe tsy tañoloñoloña’e fe nanoen-drae’e talè), 11 i Hilkià ty faharoe, i Tebalia
ty fahatelo, i Zekarià ty fahefatse; ze hene ana-dahy naho rahalahi’ i Kosà le folo-
telo’ amby. 12 I firimboñam-pañambeñe rezay, ambane’ o mpiaoloo, le natolotse
fitoloñañe manahake o rahalahi’ iareoo, hitoroñe añ’anjomba’ IEHOVÀ ao. 13 Ie nanao
an-kitsapake, ty kede naho ty bey, ty amo anjomban-droae’eo, ho amy ze lalambey
iaby. 14 Nipoke ho a i Selemià ty vato’ i atiñanañey le ho a i ana’e Zekariay, mpanolo-
kevetse mahihitse, nanoeñe an-kitsapake le nipoke te avaratse i azey. 15 Ho a i
Ovededome ty atimo naho a o ana-dahi’eo ty anjombam-pañajàñe. 16 Ho a i Sopime
naho i Kosà ty ahandrefa amy lalambei’ i Saleketey, amy lalañe mañamboney,
mpañambeñe miatreke mpañambeñe. 17 Atiñana, le nte-Levý eneñe; avaratse, le
efatse boak’ andro; atimo, le efatse boak’ andro; vaho amy anjombam-pañajàñey,
roe naho roe. 18 Amy trañom-pànakey, mañandrefa, efatse amy lalañey naho roe
amy trañoy. 19 Ie ro firimboñam-pigaritse amo ana’ i Koreo naho amo ana’ i Merario.
20 Le ty amo nte-Levio: i Akiià ty mpiaolo o fañajam-baran’ anjomban’ Añahareo
naho o fañajàñe o raha masiñeo. 21 O ana’ i Ladaneo, o ana’ i Gersone tamo Ladaneo,
o talèn’ anjomban-droae a i Ladane nte-Gersoneo: o nte-Iekielio. 22 O ana’ Iekielio: i
Zetame naho Ioele rahalahi’e, mpitàm-pañajàm-bara añ’ anjomba’ IEHOVÀ ao. 23 Amo
nte Amrameo, amo nte Ietsareo, amo nte-Kebroneo, amo nte Ozieleo: 24 i Seboele,
ana’ i Gersone, ana’ i Mosè, ty mpiaolo’ o fanontonam-barao; 25 o longo’eo amy
Eliezere, i Rahabia, ana’e naho Iesaià, ana’e naho Iorame ana’e naho i Zikrý ana’e
vaho i Selomote ana’e. 26 I Selomote rekets’ o rahalahi’eo ty mpamandroñe ze hene
vara masiñe nengae’ i Davide mpanjaka naho o talèn-droaeo naho o mpifelek’ arivo
naho zatoo naho o mpifehe i valobohòkeio. 27 Amo raha kinopak’ an-kotakotakeo
ty nengae’ iareo hañamboarañe i anjomba’ IEHOVÀy; 28 naho ze nengae’ i Samoele,
mpitoky naho i Saole, ana’ i Kise naho i Abnere, ana’ i Nere naho Ioabe, ana’ i Tseroià
vaho ia’ia ka ze nañenga, le tambanem-pità’ i Selomote naho o rahalahi’eo.
29 Amo nte Itsareo, i Kenanià naho o ana’eo ty nitoloñe alafe’e ao ho a Israele, ho
mpiaolo naho mpizaka. 30 Le amo nte-Kebroneo, i Kasabià naho o rahalahi’eo, ondaty
mahimbañe, arivo-tsi-fitonjato nimpisary Israele alafe’ Iordaney mañandrefa, amy
ze hene fitoloña’ IEHOVÀ naho ami’ty fitoroñañe i mpanjakay. 31 Amo nte-Kebroneo
t’Ierià, talè’ o nte-Kebroneo, ty amo tariran-droae’eo. Ie tan-taom-paha-efapolo’ i
Davide, le nitsoeheñe vaho nitendreke fanalolahy añivo’e ao e Iazere’ i Gilade añe.
32 O rahalahi’eo, ondaty mahimbañe, ro’arivo-tsi-fitonjato, talèn-droae ty nanoe’ i

Davide, mpanjaka, mpisary o nte-Reobeneo naho o nte-Gadeo naho ty vakim-pifokoa’
i Menasè, ty amy ze he’e nioza aman’ Añahare naho amo raharaham-panjakao.

# 27

[1] Ty famoliliañe o ana’ Israeleo, o talèn’ anjomban-droae naho o mpifelek’ arivo
naho zatoo naho o roandriañe mpitoroñe i mpanjakaio aman-dra inoñ’ inoñe
amo firimboñañe mimoak’ ao naho miavotse mb’eo am-bolañ’ am-bolañe amo
hene volan-taoñeo, ie songa ro’ale-tsi-efats’ arivo ami’ty firimboñañe. [2] Ambone’
ty firimboñam-bolam-baloha’e t’Iasobeame ana’ i Zabdiele, [3] tarira’ i Peretse, ie
nitalèm-pifehe’ i valobohòkey amy volam-baloha’ey. [4] Ambone’ i firimboñam-
bolam-paharoey t’i Doday nte Akoký, i Miklote nitalè’ i firimboñañey; ro’ale-tsi-
efats’ arivo ro amy firimboña’ey. [5] I Benaià ana’ Iehoiada, mpisoroñe, mpiaolo,
nimpifehe’ fahatelo’ i valobohòkey ho am-bolam-pahatelo, ro’ale-tsi-efats’ arivo ro
amy firimboña’ey. [6] Ie i Benanià nifanalolahy amy telopoloy naho nifehe i telopoloy;
talè i firimboña’ey t’i Amizabade ana’e. [7] Ty fah’ efatse ho am-bolam-pahefatse le i
Asaele, rahalahi’ Ioabe naho i Zebadià ana’e ty nandimbe aze; ro’ ale-tsi-efats’ arivo
ro amy firimboña’ey. [8] Ty fahalime ho am-bolam-pahalime i Samhote nte Iizrake;
ni-ro’ ale-tsi-efats’ arivo amy firimboña’ey. [9] Ty fah’ eneñe ho am-bolam-pah’ eneñe
i Irà ana’ Ikese nte-Tekoy; ro’ale-tsi-efats’ arivo ro amy firimboña’ey. [10] Ty faha-fito
ho am-bolam-pahafito, i Keletse, nte-Pelone, tarira’ i Efraime; ro’ale-tsi-efats’ arivo ro
amy firimboña’ey. [11] Ty fahavalo ho am-bolam-pahavalo i Sibekay nte Kosate, tarira’
i Zerake; ro’ale-tsi-efats’ arivo ro amy firimboña’ey. [12] Ty fahasive ho am-bolam-
pahasive, i Abiezere, nte Anatote, tarira’ i Beniamine; ro’ale-tsi-efats’ arivo ro amy
firimboña’ey. [13] Ty fahafolo ho am-bolam-pahafolo, i Makray, nte Netofate, tarira’
i Zarkry, ro’ ale-tsi-efats’ arivo ro amy firimboña’ey. [14] Ty fahafolo-raik’ amby ho
am-bolam-pahafolo-raik’ amby, i Benaià, nte Pirato, tarira’ i Efraime; ro’ale-tsi-efats’
arivo ro amy firimboña’ey. [15] Ty fahafolo-ro’ amby ho am-bolam-pahafolo-ro’ amby,
i Keldày nte-Netofate, tarira’ i Otniele, ro’ ale-tsi-efats’ arivo ro amy firimboña’ey.

[16] Aa naho ty nifehe’ o fifokoa’ Israeleo: Amo nte-Reobeneo, i Eliezere ana’ i Zikrý,
nitalè; amo nte-Simoneo, i Sefatià, ana’ i Maakà; [17] amy Levý, i Kasabià, ana’ i
Kemoele; amy Aharone, i Tsadoke; [18] amy Iehodà, i Elihò, rahalahi’ i Davide; amy
Isakare, i Omrý ana’ i Mikaele; [19] amy Zebolone, Ismaià ana’ i Obadià; amy Naftalý,
Ierimote ana’ i Azriele; [20] amo ana’ i Efraimeo, i Hoseà ana’ i Azazià; amy vakim-
pifokoa’ i Menasèy, Ioele ana’ i Pedaià; [21] amy vakim-pifokoa’ i Menasè e Giladey,
Idò ana’ i Zekarià; amy Beniamine, Iaasiele, ana’ i Abnere; [22] amy Dane, i Azarele,
ana’ Ierokame. Ie ro mpiaolo o fifokoa’ Israeleo. [23] Tsy niahe’ i Davide ze ambane ty
roapolo taoñe, ami’ty nafè’ IEHOVÀ te hampitomboe’e manahake o vasian-dikerañeo
t’Israele. [24] Toe niorotse nañiake t’Ioabe ana’ i Tseroià fe tsy nahatafetetse naho
nifetsak’ am’ Israele ty haviñerañe vaho tsy nazilik’ amo talili’ i Davide, mpanjakao,
i iakey. [25] Nifehe o fanontonam-bara’ i mpanjakaio t’i Azmavete ana’ i Adiele; le
nifehe o trañom-bara an-kivok’ ey naho amo rovao naho amo tanàñeo vaho amo
fitalakesañ’ aboo t’Iehonatane, ana’ i Otsià. [26] Le nifehe o nitoloñe an-tetek’ ao
o mpiava-taneo, t’i Etsrý ana’ i Kelobe; [27] le nifehe o tanem-baheo t’i Simeý nte
Ramà; le nifehe ty voka’ o tanembaheo ho amo lakaton-divaio t’i Zabdý nte-Sifmý;
[28] nifehe o zaite* naho sakoañe amo vavataneoo t’i Baale-kanane nte-Gedere; naho
nifehe o lakato-menakeo t’Ioase. [29] Le nifehe o mpirai-troke nandrazeñe e Saroneo t’i
Sitraý nte-Sarone; naho nifehe o mpirai-troke am-bavataneo t’i Safate, ana’ i Adlaý;

* **27:28** Zaite: hatae mañome menake; Olive

30 nifehe o ramevao ka t'i Obile nte-Ismaele; naho nifehe o birìkeo t'Iekdeià nte-
Meronote; 31 le nifehe o lia-raikeo t'Iazize, nte-Hagrý. Ie ro mpifehe ty vara' i
Davide mpanjaka. 32 Nimpanoro-kevetse naho ondaty mahihitse vaho mpanokitse
t'Ionatane rahalahin-drae' i Davide; mpañabey o anam-panjakao t'Iekiele ana' i
Kakmoný. 33 Nimpanolo-heve' i mpanjakay t'i Akitofele naho mpiamy mpanjakay
t'i Kosay nte-Ereke; 34 nandimbe i Akitofele t'Iehoiadà ana' i Benaià naho i Abiatare;
vaho nimpifehe o lahindefo' i mpanjakaio t'Ioabe.

# 28

1 Le natonto' i Davide e Ierosalaime ao o mpiaolo' Israele iabio, o talèm-pifokoañeo
naho o mpiaolom-pirimboñañe nifandimbe am-pitoroñañe i mpanjakaio naho o
mpifelek' arivoo naho o mpifehe zatoo naho o mpamandroñe ze hene vara naho hare'
i mpanjakaio naho o ana'eo, rekets' o roandriañeo naho o fanalolahio vaho o fonga
lahitsiàio. 2 Le niongak' am-pandia'e amy zao t'i Davide mpanjaka, nanao ty hoe:
Mijanjiña ry longo naho ondatikoo; Tan-troko ao ty handranjy anjomba fitofàñe ho a
i vatam-pañina' IEHOVÀy ho atimpahe' i Andrianañaharentikañey vaho nihentseñeko
i fandranjiañey. 3 Fa hoe ka t'i Andrianañahare amako, Tsy ihe ty hamboatse
anjomba ho ami'ty añarako, amy t'ie ondatin' aly nampiori-dio. 4 Fe jinobo' IEHOVÀ
Andrianañahare' Israele raho aolo' ty anjomban-draeko iaby ho mpanjaka' Israele
nainai'e amy te jinobo'e ho mpifehe t'Iehodà; le amy anjomba' Iehoda, anjomban-
draekoy, naho amo anan-draekoo, zaho ty nitea'e hanoeñe mpanjaka' Israele; 5 le
amo hene ana-dahikoo (kanao maro ty ana-dahy natolo' IEHOVÀ), i Selomò anakoy
ty jinobo'e hiambesatse amy fiambesam-pifehea' IEHOVÀy hifehe Israele. 6 Le hoe
re tamako: i Selomò ana'oy ty handranjy i akibakoy naho o kiririsakoo, amy te ie
ty jinoboko ho anako vaho izaho ho rae'e. 7 Mbore horizako ho nainai'e donia i
fifehea'ey naho ifahara'e orike o fepèkoo naho o lilikoo manahake henaneo. 8 Ie amy
zao, ampahaisaha' Israele iaby, ty valobohò' IEHOVÀ naho am-pijanjiñan' Añaharen-
tika, vontitiro vaho hotsohotsò iaby o lili' IEHOVÀ Andrianañahare' areoo, soa te ho
fanaña' areo ty tane fanjàka toy, hampandova' areo o ana' areo handimbe nainai'eo.
9 Le ihe Selomò anako mahafohina an' Andrianañaharen-drae'o naho toroño an-
kaampon' arofo naho an-kazavan-troke, amy te tsikarahe' IEHOVÀ ze kila arofo vaho
arofoana'e iaby ze ereñerem-betsevetse. Ie paia'o, le ho tendrek' azo; f'ie farie'o le
ho sasà'e zafezanake. 10 Mitomira henane zao, fa jinobo' IEHOVÀ rehe hamboatse ty
anjomba ho a i toetse masiñey; aa le mifatrara vaho mifanehafa.

11 Le natolo' i Davide amy Selomò ty sare' o lavaranga'eo naho o traño'eo
naho o fañajam-bara'eo naho o efetse amboneo naho o efetse añate'eo vaho ty
traño' i toem-pijebañañey. 12 Le ty sare' ze he'e nahaja'e añ'arofo ao, o kiririsan'
anjomba' IEHOVÀo naho o traño mañohok' aze iabio, o fañajam-bara' i anjomban'
Añahareio naho o fañajàn-engao; 13 naho o firimboñam-pisoroñe naho nte-Levio
naho o fifanehafañe am-pitoroñañe añ'anjomba' IEHOVÀo naho o fàna-pitoroñañe
añ'anjomba' IEHOVÀo; 14 le i volamenay, ty lanjam-bolamena amo fànake ho amy
ze hene karaza-pitoroñañeo; le i volafotiy, ho amo fonga fanake volafoty ty amy
lanja'eio, le ho amo fanake iaby amy ze hene karazam-pitoroñañeo; 15 le ty amy
lanja' o mpitan-jiro volamenao naho o jiro'e volamenao, ty amy lanja' ze hene
fitàn-jiro rekets' o jiro'eo; naho o fitàn-jiro volafotio, ty lanja' o fonga fitàn-jiro
rekets' o jiro'eo, ty amy asa' ze hene fitàn-jiroo; 16 naho ty lanjam-bolamena amy
rairai-mofo-piatrekey naho amy ze latabatse iaby; naho ty volafoty amo latabatse
volafotio; 17 naho volamena ki'e amo fikavitseo naho o koveteo naho o sajoao
naho o fitovy volamena songa fitovy ami'ty lanja'e; naho o fitovy volafotio, sindre

fitovy ami' ty lanja'e; 18 naho amy kitrelim-pañembohañey, volamena natranak' an-
danja; naho volamena amo saren-tsareteo naho amo kerobe mpamelatse o ela'eo
mpañohoñe i vatam-pañina' IEHOVÀio. 19 Le hene nampahafohina' IEHOVÀ ahiko
an-tsokitse am-pità'e amako, ze pilipito'e amo sareo. 20 Le hoe t'i Davide amy
Selomò ana'ey: Mihaozara naho mahasibeha vaho mitoloña; ko hembañe naho
ko miotsòtse, fa ama'o t'IEHOVÀ Andrianañahare, Andrianañahareko; Ie tsy hilesa
ama'o, tsy haforintse'e, ampara' te fonga fonitse ty fitoloñañe amy fitoroñañe i
anjomba' IEHOVÀiy. 21 Ingo ka o firimboñam-pisoroñe naho nte-Levio ho amo hene
fitoroñañe añ' anjomban' Añahareo; le hindre ama'o amy ze fitoloñañe iaby, songa
ondaty mazoto-troke naho mahimbañe amy ze hene fitoroñañe; vaho ho ambanem-
pandilia'o o mpifeheo naho ze kila ondaty.

# 29

1 Le hoe t'i Davide mpanjaka amy valobohòkey: Mbe tora'e naho maleme t'i Selomò
anako, i tokan-dahy jinobon' Añaharey, vaho ra'elahy i asay; amy te tsy ho a' ondaty i
anjombay, fa ho a' IEHOVÀ Andrianañahare. 2 Ie amy zao fa nihajarieko an-kaozarako
iaby o ho amy anjomban' Añahareio, ty volamena ho amo raha volamenao naho
ty volafoty ho amo raha volafotio naho torisike ho amo raha torisikeo, ty viñe ho
amo raha viñeo vaho ty hatae ho amo raha hataeo; ty vato *sohame naho vato
hampireketeñe, ty vato mipelatse, sindre volo'e naho vato soa maro karaza'e vaho
marbre tsifotofoto. 3 Tovo zay, kanao amy anjomban' Añaharekoy ty fikokoako,
le ty varako volamena naho volafoty, hene hatoloko amy anjomban' Añaharekoy,
ambone' ze he'e hinajariko ho a i anjomba masiñey, 4 volamena telo arivo talenta,
volamena boak'e Ofire naho volafoty natranake, fito arivo talenta, hampipakorañe o
rindri' o anjombaoo; 5 volamena ho amo raha volamenao naho volafoty ho amo raha
volafotio naho ho amy ze satam-pitoloñañe ho ranjiem-pità' o mpitseneo. Ia arè ty
hanolo-batañe an-joton-troke hamìke ho am' IEHOVÀ te anito? 6 Aa le nanolotse an-
tsatrin' arofo o talèn' anjomban-droae'eo naho o mpiaolom-pifokoa' Israeleo naho o
mpifelek' arivo naho zatoo vaho o mpisarin-tolon-draha' i mpanjakaio; 7 natolo' iereo
amy fitoroñañe i anjomban' Añahareiy ty volamena talenta lime arivo naho bogady
rai-ale naho volafoty talenta rai-ale naho torisike talenta rai-ale-tsi-valo-arivo vaho
viñe talenta rai-hetse. 8 Le ze nanjoàñe vatosoa ro nanolotse amy fañajàm-baran'
anjomba' IEHOVÀy, ambanem-pità' Iekiale nte-Gersone. 9 Nirebeke ondatio amy te
nanolotse an-tsatrin' arofo; le an-kaliforan-troke ty nanolora' iareo am' IEHOVÀ; vaho
nandia taroba an-drebeke ka t'i Davide mpanjaka.
10 Aa le nañandriañe IEHOVÀ t'i Davide añatrefa' i valobohòkey, le hoe t'i Davide:
Andriañen-dRehe ry IEHOVÀ Andrianañahare' Israele Rae'ay, nainai'e donia. 11 Azo
ry IEHOVÀ, ty hajabahinake naho ty haozarañe naho ty engeñe naho ty fandrebahañe
naho ty volonahetse; Eka, Azo iaby o andikerañeo naho o an-tane atoio; Azo ty
fifeheañe ry IEHOVÀ, Ihe ro onjoneñe ambone' ze he'e. 12 Songa boak' ama'o ty
vara naho ty asiñe naho kila fehe'o; am-pità'o ty haozarañe naho ty hafatrarañe;
naho am-pità'o ty fañonjonañe vaho ty fanoloran-kaozarañe am' iabikey. 13 Aa
le mañandriañe Azo zahay henanekeo ry Andrianañahare, mibango ty tahina'o
lifots' engeñe. 14 Ia v'o rahoo, ia ondatikoo, t'ie nahafanolotse an-joton-troke
manahak' itoañe? Toe kila boak' ama'o vaho o hirik' am-pita'oo ro anolora'ay ama'o.
15 Mpañialo añatrefa'o zahay, renetane manahak' an-droae'ay iaby; hoe talinjo o
andro'ay an-tane atoio vaho tsy aman-ko tamañe. 16 Ry IEHOVÀ, Andrianañahare'ay,
boak' am-pità'o ze hene vara nihentseñe'ay hañamboara'ay anjomba i tahina'o
masiñey, fa Azo ze he'e. 17 Apotako ka ry Andrianañahareko, te Ihe ro mpitsok' arofo

* 29:2 Sohame: vato antsetra antetse

naho mahafale Azo ty havantañañe. Aa naho zaho, an-kazavan-troko ty nisatriako
tolotse i iaby zay; ie henaneo, le treako an-kafaleañe te songa nanolotse ama'o an-
joton' arofo ondati'o miatrekeo. 18 Ry IEHOVÀ, Andrianañahare' i Avrahame naho
Ietsake naho Israele roae'ay, ehe ampifaharo nainai'e añ' ereñeren' arofo ondati'oo
irezay, le ampitoliho mb'ama'o o arofo' iareoo. 19 Le atoloro amy Selomò anako, ty
troke ki'e haha-ambeñe o lili'oo, o taro'oo, o fañè'oo, hanoe'e vaho hamboare'e i
Anjomba hinajarikoy.
20 Le hoe t'i Davide amy valobohòke iabiy, Andriaño henaneo t'IEHOVÀ Andri-
anañahare' areo. Le songa nañandriañe IEHOVÀ Andrianañaharen-droae' iareo i
valobohòkey, nampiondreke o añ' ambone' iareoo vaho niambane am' IEHOVÀ naho
amy mpanjakay. 21 Ie amy loak' androy, nañenga am' IEHOVÀ naho nisoroñe añombe
arivo am' IEHOVÀ naho añondrilahy arivo naho anak' añondry arivo, rekets' o enga-
rano' iareoo naho soroñe tsifotofoto ho am' Israele iaby; 22 vaho nikama naho ninoñe
am-pirebehañe añatrefa' IEHOVÀ amy àndroy. Le nanoe' iareo mpanjaka fañindroe'e
t'i Selomò ana' i Davide vaho noriza' iareo am' IEHOVÀ ho mpifehe vaho i Tsadoke
ho mpisoroñe.
23 Aa le niambesatse am-piambesa' IEHOVÀ eo ty Selomò ho mpanjaka handimbe
an-drae'e Davide, le niraorao; vaho hene nañaoñ' aze t'Israele. 24 Songa niambane
amy Selomò mpanjaka o mpiaoloo naho o fanalolahio naho o ana' i Davideo. 25 Le
nampionjone' IEHOVÀ andigiligy, am-pahaoniña' Israele iaby t'i Selomò vaho natolo'e
ama'e ty volonahem-panjaka mb'e lia'e tsy nanoeñe am-panjaka iaia e Israele ao
taolo'e. 26 Nifehe Israele iaby henane zay t'i Davide ana' Iesaý. 27 O andro nifehea'e
Israeleo, le efa-polo taoñe; fito taoñe ty nifeleha'e e Kebrone ao vaho taoñe telopolo-
telo' amby ty nifehea'e e Ierosalaime ao. 28 Le nihomake an-kasoan-kahanteran-dre,
atsak' andro naho vara naho engeñe vaho nandimbe aze nifehe t'i Selomò ana'e.
29 Le o fitoloña' i Davide mpanjakao, ty valoha'e pak' am-para'e, oniño te sinokitse
amo enta' i Samoele mpitokio naho amo enta' i Natane mpitokio vaho amo enta' i
Gade mpitokio; 30 ty fifehea'e iabiy naho i haozara'ey, o raha nifetsak' ama'e naho
am' Israele vaho amy ze hene fifeheañe an-taneo.

# Fiantoñoñe II

[1] Nampaozareñe am-pifehea'e ao t'i Selomò ana' i Davide naho nañimb' aze vaho
nampitoabotse ty enge'e t'Iehovà Andriananañahare'e. [2] Le nisaontsy am' Israele
iaby t'i Selomò, amo mpifelek' arivo naho zatoo naho amo mpizakao vaho amo
mpiaolo' Israeleo, o talèn-droae'eo. [3] Aa le nimb' amy toets' abo' i Giboney mb'eo
t'i Selomò rekets' i valobohòkey amy te añe ty toe' i kibohom-pamantañan' Añahare
niranjie' i Mosè mpitoro' Iehovà an-dratraratray. [4] Fe nampionjone' i Davide boake
Kiriate-jearime i vatan' Añaharey mb'amy toetse hinajari' i Davide ho azey, ie fa
nampitroare'e kivoho e Ierosalaime ao.) [5] Amy te añatrefa' i kivoho' Iehovày i
kitrely torisike niranjie' i Bazalile ana' i Orý, ana' i Horey; le zay ty pinai' i Selomò
naho i valobohòkey. [6] Aa le nionjom-b'amy kitrely torisìkey t'i Selomò, añatrefa'
Iehovà, mb'amy kibohom-pamantañañey mb'eo vaho nañenga soroñe arivo ama'e.
[7] Niheo amy Selomò amy haleñey t'i Andriananañahare, nanao ty hoe: Ihalalio le
hatoloko azo. [8] Le hoe t'i Selomò aman' Añahare: Fa tinoro'o fañisohañe ra'elahy
t'i Davide raeko vaho nanoe'o mpanjaka raho handimbe aze. [9] Ie amy zao ry Iehovà
Andriananañahare, ehe ajadoño i nitsarae'o amy Davide raekoy; fa nanoe'o mpanjaka
hifehe ondaty mira ami'ty hamaro' ty deboke an-tane atoio raho. [10] Ehe toloro hihitse
naho hilala henaneo, hiakarako naho himoahako añatrefa' ondaty retoañe; amy te ia
ty hahafizaka ondati'o mitozantozañeo? [11] Le hoe t'i Andriananañahare amy Selomò:
Aa kanao zay ty añ' arofo'o ao ie tsy nihalalia'o vara, ndra hareañe, ndra asiñe,
ndra ty fiaim-palaiñ' azo vaho tsy nihalalia'o andro maro, te mone hihitse naho hilala
ty nihalalia'o, hahafizakà'o ondatiko nanoeko azo mpanjakao; [12] le hatoloko azo ty
hihitse naho hilala, mbore hitolorako vara naho hareañe naho asiñe, manahake ze
mbe tsy amo mpanjaka taolo'oo vaho tsy hañirinkiriña' o hanonjohio.

[13] Aa le nimpoly boak' an-toets' abo e Gibone eo t'i Selomò, hirik' aolo' i
kibohom-pamantañañey, pake Ierosalaime vaho nifehe Israele. [14] Nanontoñe sarete
naho mpiningi-tsoavala t'i Selomò; le nanan-tsarete arivo-tsi-efajato naho mpiningi-
tsoavala rai-ale-tsi-ro' arivo, ze natobe'e amo rovan-tsareteo naho amy mpanjakay e
Ierosalaime ao. [15] Nampirae' i mpanjakay amo vatoo ty volamena naho ty volafoty
e Ierosalaime ao, le nampirae'e amo sakoañe am-bavataneo o mendoraveñeo ami'ty
hamaro'e. [16] Le nendese' i Selomò boake Mitsraime naho boake Keve añe o soavalao;
o mpanao bali' i mpanjakaio ty nivily iereo amo nte-Keveo ami'ty vili'e. [17] Tinoha'
iereo e Mitsraime añe an-tsekele volafoty enenjato ty sarete naho zato-tsi-limampolo
ty soavala; le amy vily zay ka ty nañondroñañe irezay mb'amo mpanjaka' o nte-
Keteoo naho o mpanjaka' i Arameo.

[18] Sinafiri' i Selomò am'izao te ho ranjia'e anjomba ty tahina' Iehovà vaho ty
akibam-pifeheañe ho am-bata'e.

## 2

[1] Niahe' i Selomò t'indaty fito-ale hijiny kilankañe naho valo-ale ty hihaly am-
bohitse añe vaho telo-arivo-tsi-enenjato ty hisary iareo. [2] Nañitrik' amy Korame
mpanjaka' i Tsore t'i Selomò nanao ty hoe: Manahake ty nifañaoña'o amy Davide
raeko, amy nañitrifa'o mendoraveñe handranjia'e anjomba himoneña'ey, ehe, ano ho
ahy ka; [3] oniño te hamboarako anjomba ty tahina' Iehovà Andriananañahareko, hava-
heñe ho aze, hañembohako rame mandrifondrifoñe añatrefa'e naho handaharañe
o mofo-piatrekeo nainai'e naho hisoroñañe boa-maraiñe naho hariva, amo Sabatao
naho amo pea-bolañeo naho amo andro namantaña' Iehovà Andriananañaharentika

ho fañè nainai'e am' Israeleo. 4 Le ho jabajaba ty anjomba ho ranjieko ho Aze
amy te jabahinake te amo fonga ndrahareo t'i Andriananañaharentika. 5 Fa ia ty
hahafamboatse anjomba ho ama'e kanao tsy tsahatse aze o likerañeo naho ty tane
toy? Aa le ia v'o aho te handranjy anjomba ho aze naho tsy t'ie hisoroñe añ' atrefa'eo?
6 Ie amy zao, ehe ampisangitrifo ondaty mahimban-tsata hitoloñe volamena naho
volafoty naho torisike naho viñe, naho malo-mavo naho mena mañabarà naho
manga vaho mahimbañe mahafanokitse amy ze karazan-tsokitse iaby, hindreza'e
am'ondaty mahimbañe nampihentseñen-draeko Davideo e Iehodà atoy naho e
Ierosalaime atoa. 7 Añitrifo mendoraveñe ka naho haradranto naho hazombatango,
boake Lebanone añe; fa apotako te mavitrike mahafira ty hatae' i Lebanone o
mpitoro'oo: vaho ingo o mpitorokoo hindre amo mpitoro'oo, 8 hampihentseñañe
hatae maro; amy te ho jabajaba naho fanjàka i anjomba hamboarekoy. 9 Aa le ingo
hatoloko amo mpitoro'o mpamira hataeo, ty vare-bolè lisañe ro'alen-kore naho vare-
hordea ro'alen-kore naho zonjòn-divay ro'alem-bate naho dabakera menake ro'alem-
bate.

10 Aa le nanoiñe an-tsokitse t'i Korame mpanjaka' i Tsore vaho nahitri'e amy
Selomò: Kanao kokoa' IEHOVÀ ondati'eo le Ihe ty nanoe'e mpanjaka'e. 11 Tinovo'
i Korame ty hoe: Andriañeñe t'IEHOVÀ Andriananañahare' Israele, Andrianamboatse o
likerañeo naho ty tane toy, ie nanolotse amy Davide mpanjaka ty anake mahihitse,
nitoloran-kilala naho faharendrehañe, handranjia'e anjomba IEHOVÀ naho anjomba
i fifehea'ey. 12 Ingo te hañitrifako ondaty mahilala, mahimban-tsata, toe i Korame
mpialom-pitsenekoy, 13 anan-drakemba amo anak' ampela' i Daneo, ty rae'e nte-
Tsore, mahimban-tsata am-bolamena naho volafoty, torisike, viñe, vato naho hatae
vaho ami'ty malòmavo naho manga naho leny marerarera naho ami'ty mena
mañabasà; naho ty hanokitse amy ze hene karazan-tsokitse, handranjy ze haraotse
iaby; hanoe'e ze apoke aolo'e eo, mindre am' ondaty mahimba'oo vaho amo mpiamy
talèko Davide rae'oio. 14 Le i vare-bolè naho vare-hordea naho menake naho divay
nisaontsien-talèkoy, le ampañitrifo amo mpitoro'oo, 15 vaho hamira hatae boak'e
Lebanone atoy zahay, ty hamaro paia'o; le hendese'ay hihafo mb'andriake mb'e
Iopà añe, le Ihe ty hinday aze mb'e Ierosalaime mb'eo. 16 Vinolili' i Selomò ze hene
renetane an-tane Israeleo, ty amy famoliliañe nanoe' i Davide iareoy, le nahatendreke
rai-hetse-tsi-lime-ale-tsi-telo-arivo-tsi-enenjato. 17 Le tinendre'e ho mpijiny ty valo-ale
naho mpihali-vato am-bohitse ey ty fito-ale vaho mpisary hanoro asa am'irezay ty
telo-arivo-tsi-enen-jato.

# 3

1 Aa le namototse nandranjy i anjomba' IEHOVÀy e Ierosalaime ao t'i Selomò, an-
kaboa' i Morià, amy niboaha' IEHOVÀ amy Davide rae'ey; amy nihentseña' i Davidey,
an-tanem-pamofoha' i Ornane nte-Iebosý eo. 2 Ie namototse namboatse amy andro
faharoe' ty volam-paha-roe' i taom-paha-efam-pifehea'ey. 3 Zao o mananta napeta'
i Selomò amy namboareñe i anjomban' Añahareio: ty andava'e, amy fanjeheañe
haehaey, le kiho enempolo vaho kiho roapolo ty am-pohe'e. 4 I lavaranga aolo'
i anjombaiy, ty andava'e, mira amy ampohe' i anjombaiy, kiho roapolo, le zato-
tsi-roapolo ty haabo'e; vaho nipakora'e volamena ki'e. 5 Sinaro'e mendoraveñe
ty anjomba bey, le nipakora'e volamena soa vaho niravaha'e satrañe naho silisily.
6 Mbore nihamine'e vatosoa i anjombay, le volamena boake Parvaime i volamenay.
7 Nipakora'e volamena ka i anjombay, o boda'eo, o fimoaha'eo naho o rindri'eo naho
o lala'eo; vaho nisokira'e kerobe o rindriñeo. 8 Le nandranjy i toetse loho masiñey,
ty andava'e mira ami'ty ampohe' i anjombaiy, kiho roapolo; naho kiho roapolo ty

ampohe'e; vaho nipakora'e volamena soa, ami'ty talenta enen-jato. 9 Sekele volamena
limampolo ka ty lanja' o fantsikeo; vaho nipakora'e volamena o efetse amboneo.

10 Nandranjia'e kerobe roe am-panokiram-bonga'e i toetse masiñey; le nipakora'
iareo volamena. 11 Kiho roapolo ty fivelara' i elan-kerobe rey; ty halava' ty elan-
kerobe: kiho lime, nitakatse ty rindri' i trañoy; kiho lime ka i elatse raikey, nitakatse
ty ela' i kerobe ila'ey. 12 Ty ela' i kerobe raikey ka, le kiho lime, nitakatse ty
rindri' i trañoy vaho kiho lime ka ty ela'e ila'e nitakatse ty ela' i kerobe raikey.
13 Nivelatse kiho roapolo i elan-kerobe rey; songa nijohañe am-pandia, sindre nitolike
mb' añate'e ty lahara'e. 14 Nanoe'e ami'ty manga naho malòmavo naho mena
mañabarà naho leny marerarera i lamba tsingarakarakey vaho nanoa'e sary kerobe.
15 Le niranjie'e aolo' i anjombay ty fahañe roe, kiho telopolo-lim' amby ty haabo'e,
songa kiho lime ty kapeke ambone'e. 16 Nandranjia'e silisily i toetse masiñey le
nasampe'e ambone' i fahañe rey; le nitsene'e voan-dagoa napetak' amy silisily rey.
17 Natroa'e aolo' i anjombay i fahañe rey, ty raik' am-pitàn-kavana naho ty raik'
ankavia; le nitokave'e ty hoe Iakine i ankavanay vaho Boaze ty añara' i haviay.

# 4

1 Mbore namboara'e kitrely torisike, kiho roapolo ty andava'e naho kiho roapolo
ty ampohe'e vaho kiho folo ty haabo'e. 2 Namboara'e riake trinanake kiho folo
an-tsoñi'e pak' an-tsoñi'e, bontoly zay, kiho lime ty haabo'e vaho taly telopolo
kiho ty naha-arikatok' aze. 3 Ambane'e eo ty sare añombe nañariary aze; folo
ami'ty kiho raike; nañarikatoke i riakey; trinanak' ama'e ty añombe nifanoitoy,
roe mifamalahañe ty nampitranahañe aze, 4 le nasampe ambone' ty añombe folo
ro'amby zay, telo ty nitolike mañavaratse, telo ty nitolike mañandrefa naho telo ty
nitolike mañatimo vaho telo ty nitolike maniñana; ambone' iareo i riakey; sindre
nitolike ao ty voli' iareo. 5 Ampohem-pitàñe ty hateve'e, le nanoeñe satan-tsoñim-
pitovy ty soñi'e nanahake voñem-binda vaho bate telo-arivo ty naha-pea aze. 6 Le
namboara'e sajoam-panasàñe folo, napo'e am-pitàn-kavana eo ty lime naho ankavia
eo ty lime ho fanasañe; nilioveñe am' iereo o haraom-pisoroñañeo, fe fisasàm-
pisoroñe i riakey. 7 Le namboara'e fitàn-jiro volamena folo amy sata natoroy, le
napo'e amy kivohoy, lime ty an-kavana vaho lime ty ankavia. 8 Le nandranjia'e
latabatse folo vaho napo'e amy kivohoy, lime ty an-kavana naho lime ty ankavia.
Le nitsenea'e kovete volamena zato, 9 Le namboare'e ty kiririsam-pisoroñe naho ty
kiririsa-bey naho ty lalambei' i kiririsay vaho nipakora'e torisike o lalambei'eo. 10 Le
najado'e an-kavana' i trañoy, mañatimo i riakey.

11 Tsinene' i Korame ka o valàñeo naho o sadròo naho o koveteo. Aa le nifonira'
i Korame o fitoloñañe nanoe'e ho a i Selomò mpanjaka añ' anjomban' Añahareo:
12 i fahañe roe rey, i lima rey naho i loha roe ambone' i fahañe rey naho ty
tsingarakarake roe nanaroñe ty lima roe' i loha'e rey; 13 naho ty voan-dagoa efa-
jato amy tsingarakarake roe rey; songa tsingarakarake amam-boan-dagoa midadañe
roe, hanaroñe ty lima roe' o loha'e ambone' i fahañe reio. 14 Namboare'e ka o kalesio
naho nanoe'e ambone' o kalesio o kovete fanasañeo; 15 i riakey naho ty añombe folo-
ro'amby ambane'e eo. 16 Le namboare' i Korame mpitsene mahimbañe ho a i Selomò
mpanjaka, ho añ'anjomba' Iehovà, an-torisike miloeloe ka o valàñeo naho o sadroo
naho o fikavitseo vaho o fanake iabio. 17 Amonto' Iordaney añe ty nampitranaha'
i mpanjakay irezay, an-tane lietse añivo' i Sokote naho i Tseredatà eo. 18 Aa le
namboatse fanake maro t'i Selomò; amy te tsy nihay iaheñe ty lanja' o torisìkeo.
19 Le namboare' i Selomò ze hene fanake añ' anjomban'Añahare ao naho i kitrely
volamenay naho i rairay fampipohañe o mofo fiatrekeoy; 20 naho o fitàn-jiroo rekets'
o jiro'eo am-bolamena ki'e, hirehetse aolo' i toetse masiñey, ty amy fañèy; 21 naho

o voñeo naho o failoo naho o fikavitseo, am-bolamena, toe volamena ki'e; 22 naho o
mpampikipeo naho o koveteo naho o endraendrao vaho o sadron' afoo, am-bolamena
ki'e. Le hene am-bolamena ty fimoahañe añ'anjomba ao, o lalambei' i toetse miavake
do'e añate'eoy naho o lalambei' i anjombaio (toe i kivohoy).

# 5

1 Aa le nifonitse iaby ty fitoloñañe nanoe' i Selomò amy anjomba' IEHOVÀy. Le
nente' i Selomò o raha nengae' i Davide rae'eo; naho o volafotio naho o volamenao
naho o fanakeo vaho napo'e amo fañajam-bara' i anjomban' Añahareio. 2 Hene
natonto' i Selomò e Ierosalaime ao amy zao o roandria' Israeleo naho o raem-
pifokoañeo, o talèn' anjomban-droae' o ana' Israeleoo, hampionjone' iereo boak'
an-drova' i Davide, i atao Tsioney, i vatam-pañina' IEHOVÀy. 3 Le nifanontoñe amy
mpanjakay amy sabadidak' i volam-pahafitoiy ze lahilahi' Israele iaby. 4 Nimb'eo
iaby o mpiaolo' Israeleo vaho nendese' o nte-Levio i vatay. 5 Le nampionjoneñe i
vatay naho i kibohom-pamantañañey naho ze hene fanake masiñe amy kibohotsey;
ie nendese' o mpisoroñeo naho o nte-Levio mb'eo. 6 Tañ' atrefa' i vatay t'i Selomò
mpanjaka te nifanontoña' i valobohò' Israeley, nisoroñe añondry naho añombe tsy
hay niaheñe ami' ty hatsifotofoto'e. 7 Aa le nampizilihe' o mpisoroñeo an-toe'e eo
i vatam-pañina' IEHOVÀy, amy toetse masi' i anjombaiy, amy toetse loho masiñey,
ambane' ty ela' i kerobe rey. 8 Amy te navela' i kerobe rey ambone' ty toe' i vatay
o ela'eo vaho sinaro' i kerobe rey i vatay naho o bao'eo. 9 Akore ty halava' i baoñe
rey kanao niisake nitakatse i toetse masiñey boak' amy vatay; f'ie tsy niisak' alafe'e,
le mbe ao pak' androany. 10 Tsy ino ty amy vatay naho tsy i takelam-bato roe napo' i
Mosè ao e Korebe añe rey, amy nifañina' IEHOVÀ amo ana' Israeleo, ie vaho niavotse
boake Mitsraime añe.
11 Ie niakatse boak' amy toetse masiñey o mpisoroñeo—naho fa nañefe-batañe
iaby o mpisoroñeo vaho tsy nitam-pirimboñañe; 12 le nijohañe atiñana' i kitreliy ze
hene nte-Levy mpisabo: i Asafe, i Hemane, Iedotone naho o ana'eo vaho o rahalahi'eo
nisaroñe leny foty, am-pikantsañañe naho jejo-bory naho marovany, nitraok' ami'ty
mpisoroñe zato-tsi-roapolo nampipopò trompetra. 13 Aa ie niharo ho raike o mpitioke
trompetrao naho o mpisaboo, ie nirihoñe am-pipoña-peo raike nandrenge naho
nañandriañe IEHOVÀ naho nañonjom-peo an-trompetra naho fikantsañañe vaho
fitititihañe nijejo IEHOVÀ ami'ty hoe:
Ie ty soa, nainai'e ty fiferenaiña'e;
le nilifore' ty rahoñe i kivohoy, i anjomba' IEHOVÀy 14 vaho tsy nahafijohañe
hitoroñe ao o mpisoroñeo ty amy rahoñey, fa nañàmpo i kivohon' Añaharey ty
enge' IEHOVÀ.

# 6

1 Le hoe t'i Selomò: Fa nafè' IEHOVÀ t'ie ho nimoneñe añ' ieñe mingeo ao. 2 Fe
nandranjieko anjombam-pimoneñan-dRehe, toetse hitobea'o nainai'e. 3 Nampitoli-
daharañe amy zao i mpanjakay naho nitata i valobohò' Israele iabiy, ie fonga
nijohañe eo i fivoribei' Israeley. 4 Le hoe re: Andriañeñe t'IEHOVÀ, Andrianañahare'
Israele nitsara am-palie amy Davide raeko vaho nihenefem-pità'e, ami'ty hoe: 5 Sikal'
amy andro nampiavotako an-tane Mitsraime añe ondatikooy, tsy eo ty rova jinoboko
amo fifokoa' Israeleo hañamboarako anjomba, te ho ao ty añarako; vaho tsy ia
t'indaty jinoboko ho mpifehe' ondatiko Israeleo 6 naho tsy e Ierosalaime ao ty
jinoboko hanoako ty añarako naho tsy i Davide ty jinoboko hifelek' ondatiko Israeleo.
7 Ie amy zao tañ' arofo' i Davide raeko t'ie hamboatse anjomba ho amy tahina' IEHOVÀ
Andrianañahare' Israeley. 8 Fe hoe t'IEHOVÀ aman-Davide raeko: Ndra te añ' arofo'o

ty handranjy anjomba ho ami'ty añarako toe nanoe'o soa t'ie tami'ty tañ' arofo'o; 9 tsy
ihe ty hamboatse i anjombay, fa hamboare' i ana'o hiboak' am-bania'oy, ty akiba ho
ami'ty añarako. 10 Aa le najado' IEHOVÀ i tsara' tsinara'ey; izaho ty nitroatse amy
toe' i Davide raekoy, le fa mitobok' am-piambesa' Israele, ty amy tsara' IEHOVÀy vaho
fa nandranjiako anjomba ho ami'ty tahina' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele. 11 Le fa
napoko ao i vata amam-pañina nifanoa' IEHOVÀ amo ana' Israeleoy.

12 Aa le nijohañe aolo' i kitreli' IEHOVÀ añatrefa' i valobohò' Israele iabiy re
namelatse o fità'eo— 13 Toe fa nandranjy rairay torisike t'i Selomò, kiho lime ty
andava'e, kiho lime ty ampohe'e naho kiho telo ty haabo'e vaho napo'e añivo'
i kiririsay; eo ty nijohaña'e naho nitongalefa'e añ' ongotse añatrefa' i valobohò'
Israeley namela-pitàñe mb' andikerañe ey, 14 vaho nanao ty hoe, Ry IEHOVÀ
Andrianañahare' Israeleo, tsy aman' Añahare manahak' azo ty andindiñe ao ndra
an-tane atoy, ty mahatam-pañina vaho manolotse fiferenaiñañe amo mpitoro'o
mañavelo añatrefa'o an-kaliforan'arofoo; 15 ie fa nifahara'o aman-draeko Davide
mpitoro'o i nampitama'o azey, Eka toe tsinara'o am-palie vaho nihenefa'o am-pitàñe,
le ie henanekeo. 16 Ie amy zao ry IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele, tambozoro i
nitsarae'o amy mpitoro'o Davide raekoy, ty hoe: Tsy ho po-ondaty am-pahaisahako
eo ty hiambesatse amy fiambesa' Israeley naho songa hañambeñe ty lala'e o ana'oo
hañavelo amy Hake natolokoy manahake i nañaveloa'o aolokoy. 17 Aa le venteo
i tsara'oy henaneo ry IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, i tsinara'o amy mpitoro'o
Davideiy. 18 Aa vaho toe himoneñe am'ondaty an-tane atoio hao t'i Andrianañahare,
ie tsy tsahats' Azo o andindin-dikerañeo, àntsake o anjomba rinanjikoo? 19 Fe
mb'e haoñe'o ty filolofam-pitoro'o naho i fihalalia'ey, ry IEHOVÀ Andrianañahareko,
hahajanjiñe ty toreo naho soloho isolohoa' ty mpitoro'o añatrefa'o etoy; 20 te hisokake
mb'ami'ty anjomba toy handro an-kaleñe o fihaino'oo, mb'amy toetse nanoe'o ty hoe
te hapo'o ao i tahina'oiy, hijanjiña'o o halaly ihalalia' o mpitoro'oo mb' amy toetse
toio; 21 naho ho haoñe'o o solohom-pitoro'oo naho ondati'o Israeleo, ie hihalaly mb'
ami'ty toetse toy; eka, mijanjiña am-pimoneña'o andikerañ' ao; le ie mijanjin-dRehe,
afaho.

22 Aa naho manao hakeo ama' ondaty t'indaty naho ampititiheñe am-panta naho
miheo mb' añ' anjomba'o mb'etoa vaho mifanta añ' atrefa' i kitreliy; 23 le mijanjiña
andindiñe ao naho ano vaho zakao an-katò o mpitoro'oo, le ondroho an-doha' i
tsivokatsey i sata'ey vaho hahao ty vantañe, le anoloro ty amy havantaña'ey.

24 Aa naho linafa ambane aolo' o rafelahi'eo ondati'o Israeleo, ie anaña'o hakeo
vaho mitolike mamela-pitàn-droe, miantoke ty tahina'o, mihalaly naho misoloho
ama'o mbañ' anjomba'o atoy; 25 le mijanjiña an-dindiñ'ao naho apoho ty tahi'
ondati'o Israeleo vaho ampolio mb' an-tane natolo'o iareo naho aman-droae' iareo.

26 Aa naho mirindriñe i likerañey naho tsy avy i orañey, amy te nanao tahiñe
ama'o iereo, le ie mihalaly mb'ami'ty toetse toy naho mamela-pitàñe miantoke i
tahina'o naho mitolik' amy hakeo' iareoy, ie fa nilafae'o, 27 le mijanjiña an-dindiñe ao
vaho apoho ty hakeo' o mpitoro'oo naho ondati'o Israeleo, le tehafo mb'an-dalan-tsoa
fañaveloañe; le mampahavia orañe an-tane'o nampandovae'o ondati'oo.

28 Aa naho mametsa-kasalikoañe i taney, he te voa ty angorosy, ke ty pozy ndra
tromambo, ke ty valala ndra ty oletse; hera arikatoha' o rafelahi'eo an-tane ndra an-
drova' iareo ao; ndra kiria inoñe ndra hatindriañ' inoñe; 29 le ze halaly naho soloho
anoa' t'indaty, ndra ondati'o Israele iabio, ie songa mahafohiñe i arete'ey naho i
fangirifiri'ey vaho mamela-pitàñe mb' ami'ty anjomba toy; 30 le mijanjiña boak' am-
pimoneña'o andikerañe añe, le songa anoloro ty amo hene sata'eo, ie arofoana'o
ty arofo'e —amy te Ihe avao ro maharofoanañe o arofon' ana' ondatio— 31 soa te

hañeveña’e, hañavelo amo lala’oo amy ze hene andro iveloma’e amy tane natolo’o
aman-droae’aiy.
32 Le o renetane tsy am’ ondati’o Israeleoo, ie pok’eo boak’ an-tsietoitane añe ty
amy tahina’o ra’elahiy naho ty fità’o maozatse vaho ty fità’o natorakitsy le ie mb’ etoa
hihalaly mb’ ami’ty anjomba toy; 33 le mijanjiña am-pimoneña’o an-dikerañe añe,
le ano ze hene ikanjia’ i renetaney; soa te fonga hahafohiñe ty tahina’o ondati’ ty
tane toio naho hañeveñe manahake ondati’o Israeleo vaho ho fohi’ iereo te kanjiañe
ami’ty anjomba namboareko toy i tahina’oy.
34 Aa ie mionjomb’ an-kotakotak’ amo rafelahi’eo ondati’oo, mb’amy ze lalañe
añiraha’o iareo naho mihalaly ama’o mb’ami’ty rova jinobo’o toy naho mb’ ami’ ty
anjomba niranjieko ho amy tahina’o toy; 35 le janjiño i halali’ iareoy naho o soloho’
iareoo vaho henefo ty fitsakorean-tro’ iareo.
36 Aa ie anaña’o tahiñe (toe tsy eo t’indaty tsy mandilatse) naho iviñera’o naho
atolo’o amo rafelahi’ iareoo vaho asese an-drohy mb’an-tane lavits’ añe ndra
marine eo; 37 f’ie mitsakore an-trok’ao an-tane naneseañe iareo an-drohy añe naho
mitolike, misoloho ama’o an-tanem-pandrohiza’ iareo ao, manao ty hoe: Nandilatse
zahay, nitoloñ’ an-tahiñe, nanao hakeo; 38 le ie mimpoly ama’o an-kaampon’arofo
naho an-kaliforam-pañova, an-tanem-pandrohizañ’ ao, amy naneseañe iareo an-
drohiy vaho mihalaly mb’ amy tane natolo’o aman-droae’ iareoy naho mb’amy rova
jinobo’oy, mb’amo anjomba niranjieko amy tahina’oio, 39 le mijanjiña an-dindiñey,
am-pimoneña’o ao, o halali’ iareoo naho o soloho’ iareoo, le añomezo to ty amo enta’
iareoo; vaho apoho ty hakeo’ ondati’o nandilatse ama’oo.
40 Ie henane zao, ry Andrianañahareko, ehe te hisokake o fihaino’oo naho ho
janjiñen-dravembia’o ty halaly taroñeñe ami’ty toetse toy. 41 Aa le miongaha mb’an-
toem-pitofà’o eo ry IEHOVÀ Andrianañahare, Ihe naho ty vatan-kaozara’o; Ee te
hisarom-pandrombahañe abey ry IEHOVÀ Andrianañahare, o mpisoro’oo, le hirebek’
ami’ty hasoa o noro’oo. 42 O ry IEHOVÀ Andrianañahare, ko ampiolire’o ty lahara’ i
noriza’oy; tiahio o fiferenaiña i Davide mpitoro’oo.

# 7

1 Ie nihenefe’ i Selomò i filolofa’ey, le nidoindoiñe boak’ andikerañe eñe ty afo
nampibotseke i enga oroañey naho o soroñeo vaho nandifotse i anjomba’ IEHOVÀy
ty enge’ IEHOVÀ. 2 Tsy nahafizilik’ añ’ anjomba’ IEHOVÀ ao o mpisoroñeo amy te
nañatseke i anjombay ty enge’ IEHOVÀ. 3 Niisa’ o ana’ Israele iabio ty nivotraha’
i afoy naho ty enge’ IEHOVÀ amy anjombay; le nibokok’ an-damoke eo, nidròdreke
mb’an-tane, niambane naho nañandriañe IEHOVÀ: Amy te
Ie ro soa, nainai’e ty fiferenaiña’e.
4 Le songa nanao soroñe añatrefa’ IEHOVÀ i mpanjakay naho ondatio. 5 Nandenta
añombe ro’ale-tsi-ro’ arivo hisoroñañe t’i Selomò mpanjaka naho boak’ an-dia-raik’
ao ty rai-hetse-tsi-ro’ ale. Aa le noriza’ i mpanjakay naho ondaty iabio ty anjomban’
Añahare. 6 Nijohañe eo o mpisoroñeo, songa fitoloña’e; o nte-Levio rekets’ o fititihan-
tsabo am’ IEHOVÀ niranjie’ i Davide mpanjakao, hañandriañe IEHOVÀ,
amy te nainai’e ty fiferenaiña’e,
am-pandrengea’ i Davide am-pità’ iareoo; le nampipopò trompetra tandrife iareo
o mpisoroñeo; vaho nijohañe iaby t’Israele. 7 Mbore nimasiñe’ i Selomò ty añivon-
kiririsa aolo’ i anjomba’ IEHOVÀy; le eo ty nañengà’e i soroñe rey naho o saboran’
engam-panintsiñañeo; amy te tsy naharambe i soroñe rey naho o engan-kaneñeo
naho i saboray i kitrely torisike niranjie’ i Selomòy. 8 Aa le nambena’ i Selomò
fito andro i sabadidakey naho niharo ama’e iaby t’Israele, toe valobohòke jabajaba,
sikal’ am-pimoahañ’ amy Kamate añe pak’ an-toraha’ i Mitsraime añe. 9 Le hene

nivoribey amy andro fahavaloy, amy te nambena' iereo fito andro ty fañorizañe i
kitreliy vaho fito andro ka i sabadidakey. [10] Aa ie amy andro faha roapolo-telo'ambi'
i volam-pahafitoy, le nampolie'e mb'an-kivoho'e mb'eo ondatio, sambe fale naho
nirebek' an-troke ty amy hasoa naboa' Iehovà amy Davide naho amy Selomò vaho
am' Israele ondati'eoy. [11] Aa le nifonire' i Selomò i anjomba' Iehovày naho i anjomba'
i mpanjakaiy; ze hene nimoak' añ'arofo' i Selomò le niranjie'e añ' anjomba' Iehovà
ao naho amy anjomba'ey ho fonitse.
[12] Niboak' amy Selomò haleñe t'Iehovà, nanao ama'e ty hoe: Tsinanoko i halali'oy
vaho jinoboko ho ahiko ho anjombam-pisoroñañe ty toetse toy. [13] Aa naho arindriko
i likerañey tsy hahavia'e orañe, ke lilieko o valalao hampibotseke i taney, he
ampihitrifako angorosy am'ondatikoo; [14] le ie hirè-batañe ondaty tokaveñe ami' ty
añarakoo, hihalaly naho hipay ty tareheko vaho hifotetse amo fañaveloa' iareo ratio;
le hitsanoñe boak' andindiñe ao Raho, le hapoko o tahi' iareoo vaho ho janganeko
o tane' iareoo. [15] Hisokake henaneo o masokoo, le ho tsanoñe' o sofikoo ze halaly
anoeñe ami'ty toetse toy. [16] Fa jinoboko naho nimasiñeko ty anjomba toy henane
zao, soa te ho ao kitro-katroke ty añarako vaho ho ama'e nainai'e donia o masokoo
naho ty troko. [17] Le ie hañavelo añatrefako, manahake ty fañaveloa' i Davide
rae'o, hanao o fonga nandiliako azoo, hañambeñe o fañèkoo naho o fepèkoo; [18] le
horizako ty fiambesam-pifeleha'o, ty amy fañinako amy Davide rae'o, nanao ty hoe:
Tsy ho po-ondaty hifehe Israele rehe. [19] Fe naho hivìke añe rehe hamorintseñe o
fañèkoo naho o fepèko najadoko añatrefa' areoo vaho hiavotse hitoroñe ndrahare
ila'e hitalahoa' areo; [20] le hombotako reke-bahatse an-taneko natoloko iareo; le ty
anjomba nimasiñeko ho ami'ty añarako toy ro hahifiko tsy ho am-pahatreavako
añe, fa hanoeko razan-drehake naho fandrabioña' ze kilakila' ondaty. [21] Le ty
anjomba mandigiligy toy, ro hilatsà ze fonga mpiary ama'e, hanao ty hoe; Aa vaho
akore te nanoe' Iehovà zao o tane toañeo naho i anjomba'ey? [22] Le hoe ty havali'
iareo: Ie namorintseñe Iehovà Andrianañaharen-droae' iareo nañavotse iareo an-
tane Mitsraime añe, mbore nandrambe ndrahare ila'e naho nitalahoa' iareo vaho
nitoroña' iareo; toly ndra naobo'e am'iereo o fonga hankàñe zao.

# 8

[1] Ie añe ty roapolo taoñe namboare' i Selomò i anjomba' Iehovày naho i
anjomba'ey, [2] le namboare'e o rova natolo' i Korame azeo vaho nampimoneñe'e
ao o ana' Israeleo. [3] Nimb'e Kamate-tsobà mb'eo t'i Selomò nandrekets' aze. [4] Le
namboare'e i Tadmore am-patrambeiy vaho namboare'e e Kamate ao o rova fihajañe
iabio. [5] Namboare'e ka ty Bete-Korone ambone naho i Bete-korone ambane; rova
fatratse, reketse kijoly naho lalambey vaho sikadañe; [6] naho i Baalate naho ze hene
rova-pihaja' i Selomòo naho o fonga rovan-tsarete'eo naho o rova' o mpiningi'eo
naho ze he'e namboare'e an-tsatrin-tro'e e Ierosalaime ao naho e Lebanone añe
vaho amo hene tanem-pifehea'eo. [7] Le ze hene ondaty nisisa amo nte-Kiteo naho
amo nte-Amoreo naho amo nte-Perizeo naho amo nte-Kiveo naho amo nte-Iebosio,
o tsy nte-Israeleo, [8] o sehangan' ana' iareo amy taney nisisa tsy nimongore' o ana'
Israeleo, le nampijinie' i Selomò rorotse pake henàne. [9] Fe naho o ana' Israeleo,
tsy nanoe' i Selomò mpitoroñe amo fitoloña'eo, fa nilahindefoñe naho mpifehem-
pifeleke naho mpifele-tsarete'e vaho mpiningi-tsarete'e. [10] Ie o mpiaolom-pifehe' i
Selomòo, ty roanjato-tsi-limampolo mpifeleke ondatio. [11] Le nampionjone' i Selomò
boak' an-drova' i Davide ao i anak' ampela' i Paròy mb'amy anjomba niranjie'e ho
azey; ami'ty saontsi'e ty hoe: Tsy himoneñe añ' anjomba' i Davide mpanjaka' Israeley
ty tañanjombako, amy te masiñe ty toetse nivotraha' i vata' Iehovày.
[12] Le nañenga soroñe am' Iehovà amy kitreli' Iehovày t'i Selomò, i niranjie'e
aolo' i lavarangaiy; [13] nañenga boak' andro re ty amy lili' i àndroy, ty amy lili' i

Mosèy, le amo Sabatao naho amo pea-bolañeo naho amo andro namantañañe in-
telo boa-taoñeo, i sabadida-mofo tsy aman-dalivaiy naho i sabadidan-kereñandroy
vaho i sabadidan-kibohotsey. 14 Tinendre'e ty amy fañè' i Davide rae'ey, ty
firimboña' o mpisoroñeo amo fitoroña'eo naho o nte-Levio amo fitoroña'eo, ty
handrenge naho hitoroñe añatrefa' o mpisoroñeo, ty amy lili' i àndroy; naho ty
firimboña' o mpigarin-dalam-beio, songa an-dalambei'e; amy nandilia' i Davide
ondatin' Añaharey. 15 Le tsy nivik' amy nandilia' i mpanjakay amo mpisoroñeo naho
amo nte-Levio aman' inoñ' inoñe ndra amo trañon-kàjao iereo. 16 Aa le linahatse iaby
ty fitoloña' i Selomò ampara' i fañoreñañe o faha' i anjomba' Iehovàio, pak' ami'ty
nahahenefa'e aze. Aa le nifonitse ty anjomba' Iehovà. 17 Nomb'e Etsione-gebere
naho Elote, añ'olon-driak' an-tane' i Edome mb'eo t'i Selomò. 18 Le hinitri' i Korame
ama'e am-pità' o mpitoro'eo ty sambo naho o mpitoro'e zatse riakeo, le niharo lia amo
mpitoro' i Selomò mb'e Ofire mb'eo iareo, nangalake volamena efajato-tsi-limampolo
talenta añe vaho nendese' iereo mb'amy Selomò.

# 9

1 Ie jinanji'ty mpanjaka-ampela' i Sebà ty enge' i Selomò, le nimb'e Ierosalaime
mb'eo hitsoke i Selomò am' ontane sarotse; valobohòke ra'elahy ty nikovovòke
nindre ama'e mb'eo; ninday raha mafiry o rameva'eo naho volamena tsifotofoto
naho vato soa; aa ie nandoak' amy Selomò eo le hene nisaontsia'e ze añ'arofo'e ao.
2 Tinoi' i Selomò aze iaby ontane'eo vaho tsy eo ty raha nietak' amy Selomò ty tsy
nampandrendreha'e. 3 Ie nioni' i mpanjaka-ampela' i Sebày ty hihi' i Selomò naho
i anjomba' niranjie'ey, 4 naho o mahakama am-pandambaña'eo naho o fiambesam-
pitoro'eo naho ty fiatrafa' o mpiatra'eo naho ty saro' iareo; naho o mpitàm-pitovi'eo
naho o siki' iareoo; vaho ty fanongañe nionjona'e mb'añ'anjomba' Iehovà mb' eo,
le tsy nahakofòke. 5 Le hoe re amy mpanjakay, Talily to ty nitsanoñeko an-taneko
añe ty amo fitoloña'oo naho o hihi'oo, 6 le tsy niantofako heike o saontsi'eo naho
tsy nivotrake etoan-draho vaho nitrea' o masokoo; le hehe te tsy nisaontsieñ' amako
ty vakin-kaliforan-kihi'o; fa nilikoare'o ty enge nitsanoñeko. 7 Haha ondati'oo naho
fale o mpitoro'o mijohañe nainai'e añatrefa'oo, mijanjiñe o hihi'oo. 8 Andriañeñe
t'Iehovà Andriananañahare'o nañisok' azo, nampiambesatse azo am-piambesa'e eo, ho
mpanjaka' Iehovà Andriananañahare'o, ty amy fikokoan' Añahare Israeley, ie najado'e
ho nainai'e donia; zay ty nanoe'e azo mpanjaka' iareo, hanoa'o ty hatò naho ty
havantañañe. 9 Le natolo'e amy mpanjakay ty volamena talenta zato-tsi-roapolo
naho fampafiriañe tsifotofoto vaho vatosoa; kanao le lia'e tsy nioniñe ty fampafiriañe
manahake i natolo' i mpanjaka ampela' i Sebày amy Selomò mpanjaka.

10 Ninday hatae màñitse naho vatosoa ka o mpitoro' i Korame naho mpitoro' i
Selomò mpinday volamena boake Ofireo. 11 Le namboara' i mpanjakay fanongañe
amy hatae màñitsey o lalañe mionjoñe mb'amy anjomba' Iehovày naho mb'amy
anjomba' i mpanjakay mb'eoo mbore nanoa'e marovany naho jejobory o mpisaboo.
Mbe lia'e tsy niisak' an-tane Iehoda i zay. 12 Le natolo' i Selomò mpanjaka amy
mpanjaka-ampela' i Sebày ze hene nirie'e, ze nihalalia'e naho tsy i natolo'e amy
mpanjakay. Aa le nitolike re, nimpoly mb'an-tane'e añe, ie naho o mpitoro'eo.

13 Ie amy zay, ty lanjam-bolamena niheo mb'amy Selomò ami'ty taoñe le talenta
volamena enen-jato-tsi-enem-polo-eneñ' amby, 14 ambone' ty nendese' o mpanao
takinakeo naho o mpanao balibalikeo; vaho songa ninday volamena naho volafoty
amy Selomò o mpanjaka' Arabeo naho o mpifehe an-taneo. 15 Nandranjy fikalan-defo
roanjato am-bolamena pinepèke t'i Selomò; nanoeñe volamena pinepèke, le sekele
enen-jato ty fikalandefo; 16 vaho nanoe'e fikalandefo volamena pinepèke telon-jato;
sindre sekelem-bolamena telonjato ty nanoeñe i fikalandefoñe rey; le nampizilihe' i

mpanjakay añ' anjomban' Ala' i Lebanone ao. 17 Mbore namboare' i mpanjakay ty
fiambesatse jabajaba an-tsifa vaho nipakora'e volamena ki'e. 18 Fanongañe eneñe ty
nitroatse amy fiambesatsey, volamena ka ty fitimpahañe nirekets' amy fiambesatsey,
miharo fisampezam-pitàñe añ' ila'e roe' i fiambesatsey vaho liona roe ty nijohañe
marine i fisampezam-pitàñe rey. 19 Liona folo-ro' amby ty nijohañe añ'ila roe'
i fanongañe eneñe rey, tsy eo ty nanahak' aze ndra am-pifeheañe aia. 20 Songa
volamena o fitovim-pikamà' i Selomò mpanjakao vaho hene volamena ki'e o fanake
añ' anjomban' ala' i Lebanoneo, ie tsy am-bolafoty, fa tsy natao ho vara tañ' andro'
i Selomò ty volafoty. 21 Nanan-tsambo nionjomb'e Tarsise mindre amo mpitoro'
i Korameo i mpanjakay; boa-telo-taoñe ty nimpolia' o sambo' i Tarsiseo ninday
volamena naho volafoty naho tsifa naho kofe* vaho toký†. 22 Aa le nilikoare' i Selomò
an-kihitse naho vara ze hene mpanjaka' ty tane toy. 23 Vaho songa nipay hiatrek'
amy Selomò o mpanjaka' ty tane toio, hijanjiñe ze hihi'e najon' Añahare añ'arofo'e
ao. 24 Le fonga ninday ravoravo mañeva ondatio: fanake volafoty naho fanake
volamena naho sikiñe naho sikim-pikalañe naho fampifiriañe naho soavala vaho
borìke, boa-tao-boa-taoñe. 25 Nanan-trañon-tsoavala efats' arivo t'i Selomò naho
sarete naho mpiningitse rai-ale-tsi-roarivo, ie nampimoneña'e amo rovan-tsareteo
naho amy mpanjaka e Ierosalaimey. 26 Nifehe'e iaby o mpanjaka boak'amy Sakay
pak'an-tane' o nte-Pelistio ampara' ty efe-tane' i Mitsraime añe. 27 Le nanoe' i
mpanjakay hoe vato ty volafoty e Ierosalaime naho hoe sakoañe am-bavatane ao
o mendoraveñeo ami'ty hamaro'e. 28 Le nendesa' iareo soavala boake Mitsraime
añe naho hirik' amo tane iabio t'i Selomò mpanjaka. 29 Aa naho o fitoloña' i Selomò
ila'eo, ty valoha'e pak' am-para'e, tsy fa sinokitse amo vinolili' i Natane mpitokio hao
naho amy fitokia' i Akiià nte-Siloney vaho amo aroñaro' Iedò mpitoky am' Iarovame
ana' i Nebateo? 30 Nifehe Israele iaby e Ierosalaime ao efa-polo taoñe t'i Selomò 31 le
nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Selomò naho nalentek' an-drova' i Davide rae'e ao
vaho nandimbe aze nifehe t'i Rekoboame ana'e.

# 10

1 Le nimb'e Sekeme añe t'i Rekoboame; aa naho nivotrake e Sekeme ao iaby
t'Israele hanao aze mpanjaka, 2 naho jinanji' Iarovame ana' i Nebate—ie e Mitsraime
añe ami'ty niorata'e tsy hiatrefa'e i Selomò mpanjakay fe nimpoly boake Mitsraime
t'Iarovame, 3 ie nampisangitrife' iereo—le nimb'eo t'Iarovame naho Israele iaby
nisaontsy amy Rekoboame ami'ty hoe: 4 Nanoen-drae'o gañe o joka'aio, aa le
hamaivaño o fitoroñañe nasampen-drae'o ama'aio naho i joka'e nampijinie'e anaiy
vaho hitoroñe azo zahay. 5 Le hoe re am' iereo: Mimpolia mb'amako naho modo ty
telo andro. Aa le nienga ondatio. 6 Le nisafiry amo androanavy nijohañe añatrefa'
i Selomò rae'e t'ie niveloñeo t'i Rekoboame ami'ty hoe: Ino ty hanoroa' areo ahy
havaleko ondaty retoañe? 7 Le nisaontsia' iareo ty hoe: Naho tretreze'o ondaty
retoa naho hampifalè'o vaho isaontsia'o volan-tsoa, le ho mpitoro'o nainai'e. 8 Fe
napo'e i fañereta' o androanavioy, le nitsò-pañahi' o ajalahy nindre nibeizeñe ama'e
mpijohañe añatrefa'eo. 9 Le hoe re am' iereo: Ino ty hatoro' areo ahy, hamalean-
tika ondaty nanao amako ty hoe: Hamaivaño i joka nampijinien-drae'o anaiy? 10 Le
hoe ty saontsi' o ajalahy nindre nibey ama'eo: Ty hoe ty hatao'o am'ondaty nanao
ama'o: Nampavesaren-drae'o o joka'aio, aa le hamaivaño ama'ay, Ty hoe ty hanoa'o:
Boda'e te aman-tohan-draeko ty anakikiko. 11 Aa kanao nampilogologoen-draeko joka
mavesatse, le ho tompeako o joka' areoo; nilafaen-draeko am-pifiake, fa zaho ka ty
handilo an-kalafiañe.

* 9:21 Kofe: hirañe jabajaba † 9:21 Toký: mete ho voroñe soa volo

[12] Aa le nimb'amy Rekoboame mb'eo amy andro fahateloy t'Iarovame naho ondaty
iabio, amy nafe' i mpanjakaiy ami'ty hoe: Mimpolia mb'etoa ami'ty andro fahatelo.
[13] Fe nanoiñe an-tsotrake i mpanjakay; nifarie' i mpanjakay ty fanoroa' i androanavy
rey, [14] vaho i entañe natoro' i ajalahy reiy ty nanoe'e, ami'ty hoe; Nampijinie'e joka
mavesatse, fe ho tompeako; nilafaen-draeko am-pifiake fa zaho ka an-kalafiañe. [15] Aa
le tsy hinao' i mpanjakay ondatio, amy t'ie fampivalihan' Añahare, hampijadoña'
IEHOVÀ i tsara nitsarae'e am-pità' i Akiià nte-Silone am' Iarovame ana' i Nebatey.
[16] Aa ie nioni' Israele iaby te tsy nañaoñe iareo i mpanjakay, le hoe ty natoi' ondatio
i mpanjakay: Ino ty anjara'ay amy Davide? Toe tsy aman-dova amy ana' Iisaiy
zahay; songa mb'an-kiboho'e mb'eo, ry Israele; le ambeno i anjomba'oy henane zao
ry Davide, vaho hene nienga mb' an-kiboho'e mb'eo t'Israele. [17] Fe o ana' Israele
nimoneñe an-drova' Iehodao, mbe nifehe' i Rekoboame. [18] Nirahe' i Rekoboame amy
zao t'i Hadorame mpifehe i habay; f'ie rinetsa' o ana' Israeleo vato, le nihomake. Aa
le nihitrihitry mb'amy sarete'ey mb'eo t'i Rekoboame mpanjaka, niherereake mb'e
Ierosalaime añe. [19] Aa le niola amy anjomba' i Davidey t'Israele ampara' te henane.

# 11

[1] Ie tafam-poly e Ierosalaime ao t'i Rekoboame le natonto'e ty anjomba' Iehoda
naho i Beniamine, ondaty jinoboñe rai-hetse-tsi-valo-ale, lahindefoñe, hialy am'
Israele, hampimpolia'e amy Rekoboame i fifeheañey. [2] Fe niheo amy Semaià ondatin'
Añahare ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: [3] Saontsio amy Rekoboame ana' i Selomò
mpanjaka' Iehoda naho amy Israele e Iehoda naho e Beniamine ao iaby ty hoe:
[4] Hoe t'IEHOVÀ: Ko mionjomb'eo, ko mialy aman-droahalahi' areo; fonga mimpolia
mb'an-kiboho'e mb'eo, fa amako o raha zao. Aa le hinao' iareo o tsara' IEHOVÀo
vaho nimpoly tsy nionjoñe hiatreatre am' Iarovame. [5] Nimoneñe e Ierosalaime
ao t'i Rekoboame vaho namboatse rovam-piarovañe e Iehoda ao. [6] Namboare'e ty
Betlekheme naho i Etame naho i Tekoà [7] naho i Bete-tsore naho i Sokò naho i Adolame
[8] naho i Gate naho i Maresà naho i Zife [9] naho i Adorame naho i Lakise naho i Azekà
[10] naho i Tsorà naho i Aiialone vaho i Kebrone; ie rova aman-kijoly e Iehodà naho
e Beniamine ao. [11] Le nihafatrare'e o rova aman-kijolio naho najo'e am' iereo ao ty
mpifeleke naho nañajà'e mahakama naho menake vaho divay. [12] Le nasia'e fikalan-
defo naho lefoñe o rova iabio vaho vata'e nihafatrare'e. Iehoda naho i Beniamine
avao ty nimpirekets' ama'e.

[13] Nirekets' ama'e o mpisoroñe naho nte-Levy e Israele iaby hirik' am-paripari'e
iabio. [14] Nado' o nte-Levio o tanem-piandraza' iareoo naho o hanaña' iareoo vaho
nivotrake e Iehodà naho e Ierosalaime ao, amy te nifarie' Iarovame naho o ana-
dahi'eo, ie tsy nampitoloñe'e o fisoroñañe am' IEHOVÀO, [15] te mone noriza'e ho
am-bata'e ty mpisoroñe amo toets' aboo naho amo kokolampao vaho amo bania
niranjie'eo. [16] Fe nanonjohy iareo ze hene boak' am-pifokoa' Israele nifahatse
añ'arofo hipay IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, nimb'e Ierosalaime mb'eo hañenga
soroñe am' IEHOVÀ Andrianañaharen-droae' iareo. [17] Aa le nihafatrare' iereo ty
fifehea' Iehoda vaho nandrondroñe i Rekoboame ana' i Selomò, telo taoñe, ie
nañavelo an-dala' i Davide naho i Selomò telo taoñe. [18] Nañenga valy t'i Rekoboame:
i Makalate anak' ampela' Ierimote ana' i Davide naho a i Abihaile anak' ampela' i
Eliabe ana' Iiseiy; [19] le nisamake ana-dahy: Ieose naho i Semarià vaho i Zahame.
[20] Añe zay, le nañenga i Maakà ana' i Abisalome, ze nisamake i Abiià naho i Ataý
naho i Ziza vaho i Selomite. [21] Nikokoa' i Rekoboame mandikoatse ze hene vali'e
naho sakeza'e t'i Maakà ana' i Abisalome; toe folo-valo' amby ty valy nengae'e naho
enempolo ty sakeza'e le nisamak' anadahy roapolo-valo' amby naho anak' ampela
enempolo. [22] Tinendre' i Rekoboame ho talè t'i Abiià ana' i Maakà, ho mpifeleke
o rahalahi'eo, hihentseña'e ho mpanjaka. [23] Le an-kihitse ty nampipoha'e amy ze

faripari' Iehoda naho i Beniamine iaby o ana-dahi'eo, amy ze rova fatratse iaby; le
tinolo'e mahakama nahaeneñe vaho nipaia'e valy maro.

# 12

1 Ie nioreñe ty fifehea' i Rekoboame naho naozatse, le naforintse'e ty Tsara'
IEHOVÀ, ie naho Israele iaby. 2 Aa ie tan-taom-pahalime' i Rekoboame, amy te
fonga nandilatse am' IEHOVÀ t'Israele, le naname Ierosalaime t'i Sisake mpanjaka' i
Mitsraime, 3 reketse sarete arivo-tsi-roanjato naho mpiningi-tsoavala eneñ' ale; naho
ondaty tsifotofoto nente'e boake Mitsraimeo: o nte-Libiao, o nte-Sokio vaho o nte-
Koseo. 4 Le rinambe'e o rova aman-kijoly Iehodao vaho nitakare'e t'Ierosalaime. 5 Aa
le nimb' amy Rekoboame naho amo roandria' Iehoda nifanontoñe e Ierosalaimeo t'i
Semaià mpitoky, ty amy Sisake, le nanoe'e ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Tsinambolitio' areo
raho, toly ndra napoko am-pità' i Sisake. 6 Aa le nirè-batañe o roandria' Israeleo naho
i mpanjakay vaho nanao ty hoe: Vantañe t'IEHOVÀ. 7 Ie nivazoho' IEHOVÀ t'ie nirè-
batañe, le niheo amy Semaià ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: Kanao nire-batañe le
tsy harotsako; fa hitolorako rombake vaho tsy am-pità' i Sisake ty hampidoañako
am'Ierosalaime ty habosehako. 8 F'ie h'ondevo'e, hianatse ty fitoroñañe amako
ami'ty fitoroñañe o fifehea' ty tane toio. 9 Aa le naname Ierosalaime t'i Sisake
mpanjaka' i Mitsraime nitavañe ze vara añ' anjomba' IEHOVÀ ao naho ze vara'
añ' anjomba' i mpanjakay; fonga nendese'e; tinava'e ka o fikalan-defoñe volamena
rinanji' i Selomòo. 10 Le nandranjy fikalandefo torisike hasolo irezay t'i Rekoboame
ie nampamandroñe'e o mpifehe-pigaritse mpañambeñe ty lalambei' i mpanjakaio.
11 Ie amy zao, ndra mbia' mbia nimoak' añ' anjomba' IEHOVÀ ao i mpanjakay le
rinambe' o mpigaritseo irezay, naombe hey vaho nampoly an-trañom-piambeñe ao.
12 Aa kanao nirè-batan-dre, le nihànkañ' ama'e ty haviñera' IEHOVÀ, tsy rinotsa'e ho
mongotse; nanintsiñe t'Iehodà henane zay.

13 Le nihaozatse e Ierosalaime ao t'i Rekoboame naho nifehe; toe ni-efapolo-
raik'amby taoñe ty Rekoboame te niorotse nifehe vaho nifehe folo-tao-fito' amby
e Ierosalaime ao, i rova jinobo' IEHOVÀ amo hene fifokoa' Israeleo hampipoha'e i
tahina'eiy; i Naamà nte-Amone ty tahinan-drene'e. 14 Nanao haratian-dre, amy te tsy
nihajarie'e añ' arofo'e ao ty fipaiñe IEHOVÀ. 15 Aa naho o fitoloña' i Rekoboameo,
ty valoha'e pak'am-para'e, tsy fa sinokitse amo talili' i Semaià mpitoky naho Idò
mpitokio hao ty amo fiantoñoñeo? Nifañotakotake nainai'e t'i Rekoboame naho
Iarovame. 16 Aa le nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Rekoboame naho nalentek' an-
drova' i Davide ao; vaho nandimbe aze nifehe t'i Abiià ana'e.

# 13

1 Ie amy taom-paha-folo-valo' ambi' Iarovamey le niorotse nifehe Iehodà t'i Abiià.
2 Telo taoñe ty nifehea'e e Ierosalaime ao; i Mikaià ana' i Oriele nte-Gibà ty
tahinan-drene'e. Nifañotakotake t'i Abiià naho Iarovame. 3 Nifanontoñe hialy t'i
Abiià reketse mpirimbon-dahindefoñe mahimbañe, ondaty jinoboñe efats-etse; naho
nilahatse hifañatreatre ama'e t'Iarovame rekets' ondaty jinoboñe valo-hetse, ondaty
maozatse nahasibeke. 4 Nijohañe an-kaboa' i Tsemaraime t'i Abiià am-bohibohi' i
Efraime eo, nanao ty hoe: Janjiño raho ry Iarovame naho Israele iabio; 5 tsy ho
napota' areo hao te natolo' IEHOVÀ Andriananàhare' Israele amy Davide ho nainai'e
donia ty fifeheañe Israele, ama'e naho amo ana-dahi'eo am-pañinan-tsira? 6 Fe
nitroatse t'Iarovame ana' i Nebate, mpitoro' i Selomò ana' i Davide vaho niola amy
Talè'ey. 7 Niropak' ama'e ondaty tsy manjofakeo, ana' i Beliale, naozatse te amy
Rekoboame ana' i Selomò, ie mbe nitora'e naho tso-po t'i Rekoboame vaho tsy
nahafiatreatre. 8 Aa he mitsakore ty hoe nahareo t'ie hahafitroatse amy fifehea'

IEHOVÀ am-pità’ o ana’ i Davideoy; ie valobohòke vasiañeñe vaho ama’ areo o
bania volamena niranjie’ Iarovame ho ‘ndrahare’ areoo. 9 Tsy fa rinoa’ areo hao
o mpisoro’ IEHOVÀO, o ana’ i Aharoneo, o nte-Levio vaho nañoriza’ areo mpisoroñe
an-tsata’ ondaty an-tane ila’e añe? Aa ndra ia’ia miheo mb’eo hañori-vatañe reketse
bania naho añondrilahy fito, le minjare mpisoron ‘drahare tsie. 10 Fa naho zahay,
IEHOVÀ ro Andrianañahare’ay, le tsy naforintse’ay vaho amam-pisoroñe mitoroñe
IEHOVÀ, toe mitoloñ’ amo fitoloña’ iareoo o ana’ i Aharoneo naho o nte-Levio, 11 ie
misoroñe am’ IEHOVÀ boa-maraindray naho hariva, soroñe naho emboke mañitse;
naho mampidadañe i mofo miatrekey amy latabatse hiringiri’ey; naho mamelome
o jiro am-pitàn-jiro volamenao boa-kariva, amy te tana’ay ty namantoha’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ay; fe nifarie’ areo. 12 Aa le oniño te mindre ama’ay ho mpiaolo
anay t’i Andrianañahare naho mitan-trompetra fañatahatañe o mpisoro’eo, hivolan-
kekoheko ama’ areo. O ry ana’ Israeleo, ko mialy am’ IEHOVÀ Andrianañaharen-
droae’ areo fa tsy hiraorao.

13 Fe nampamandroñe’ Iarovame ty hiboak’ am-boho ao; aa le eo o aolo’ Iehodào
vaho amboho ao o mpamandroñeo. 14 Aa ie nitolik-amboho t’Iehodà, hehe te
aolo naho amboho i hotakotakey; aa le nitoreo am’ IEHOVÀ iereo vaho nitiofe’ o
mpisoroñeo o trompetrao. 15 Nampipoña-pazak’ amy zao o nte-Iehodao; aa ie
nipazapazake o nte-Iehodao, le nifetsake te linihin’ Añahare t’Iarovame naho Israele
iaby añatrefa’ i Abiià naho Iehoda eo, 16 naho nitriban-day añatrefa’ Iehodà eo o ana’
Israeleo vaho tinolon’ Añahare am-pità’ iareo. 17 Zinama’ i Abiià naho ondati’eo
am-pizamanañe ra’elahy, kanao lime-hetse am’ondaty jinoboñeo ty nitsingoron-ko
vetrake. 18 Aa le nampiambanèñe o ana’ Israeleo henane zay vaho nandreketse
o ana’ Iehodao ami’ty niatoa’ iareo am’ IEHOVÀ, Andrianañaharen-droae’ iareo.
19 Nihoridañe’ i Abiià t’Iarovame, le nandrambesa’e rova: i Betele rekets’ o tanà’eo
naho Iesanà rekets’ o tanà’eo vaho i Efrone rekets’ o tanà’eo. 20 Tsy nahafitroatse
ka t’Iarovame tañ’ andro’ i Abiià; le zinevo’ IEHOVÀ re vaho nihomake. 21 Fe
nihamaozatse t’i Abiià, le nañenga valy folo efats’ amby vaho nisamak’ ana-dahy
roapolo-ro’ amby naho anak’ampela folo-eneñ’amby. 22 Le o fitoloña’ i Abiìao naho
o sata’eo naho o lañona’eo, tsy fa sinokitse amy fibejaña’ Idò mpitokiy hao? 23 Aa
le nitrao-piròtse aman-droae’e t’i Abiià naho nalenteke an-drova’ i Davide ao, le
nandimbe aze nifehe t’i Asa ana’e; nanintsiñe folo taoñe tañ’andro’e i taney.

# 14

1 Nanao ze soa naho vantañe am-pihaino’ IEHOVÀ Andrianañahare’e t’i Asa; 2 amy
te finao’e ze kitrely tsie naho o toets’ aboo naho nakoroma’e o vatolahio vaho finira’e
o Asereo; 3 naho linili’e te hipay IEHOVÀ Andrianañaharen-droae’ iareo t’Iehoda,
hañorike Hake naho o fepètseo. 4 Nafaha’e amo hene rova’ Iehodao o tambohoo
naho o sare’ i àndroio; vaho nianjiñe añ’atrefa’e eo i taney. 5 Aa le namboare’e rova
fatratse e Iehoda ao; amy te nanintsiñe i taney vaho tsy teo ty nialiañe amy taoñe
rezay, ie nampitofà’ IEHOVÀ. 6 Aa hoe ty natao’e am’Iehoda: Antao hamboatse o rova
retoa, le harikatohen-tika kijoly naho fitalakesañ’ abo naho lalambey vaho sikadañe;
añatrefan-tika eo i taney amy te nitsoehentika t’IEHOVÀ Andrianañaharen-tika naho
nipaian-tika vaho nampitofae’e o mañohok’ antika iabio. Aa le namboatse iereo
vaho niraorao. 7 Le nanam-pirimboñan-dahindefoñe t’i Asa: mpitam-pikalañe naho
lefoñe telo-hetse ty boak’ Iehodà ao; naho hirike Beniamine ao ty mpitam-pikalañe
vaho mpitintim-pale, roe-hetse-tsi-valo-ale; songa maozatse naho nahasibeke.

8 Teo te niavotse haname iareo t’i Zerake nte-Kose ninday valobohòke arivon’
arivo naho sarete telon-jato; le nivotrake e Maresà eo. 9 Niavotse mb’eo t’i Asa
hifanalaka ama’e, le nalahatse am-bavatane’ i Zefate e Maresà eo i hotakotakey.

[10] Le nikaik' am'IEHOVÀ Andrianañahare'e t'i Asa, nanao ty hoe: Ry IEHOVÀ, tsy eo ty añ'ila'o mahafañolotse añivo' ty maozatse naho ty po-hafatrarañe; oloro zahay ry IEHOVÀ Andrianañahare'ay; amy te Ihe avao ty iatoa'ay vaho i tahina'oy ty ionjona'ay hiatreke o valobohòkeo. Ihe ro IEHOVÀ Andrianañahare'ay; ko apo'o handrekets' azo
ondatio. [11] Aa le zinama' IEHOVÀ añatrefa' i Asa naho aolo' Iehoda eo o nte-Koseo
vaho nitriban-day o nte-Koseo. [12] Aa le nihoridañe' i Asa naho ondaty ama'eo pake
Gerare; le akore ty hamaro' o nte-Kose nibanibanìtseo kanao leo raike tsy nahatambeloñe, ie niparatsàke añatrefa' IEHOVÀ naho aolo' i valobohò'ey; vaho nendese' iereo
ty fikopaham-bey. [13] Linafa' iereo o tanañe mañohoke i Gerare iabio; fa nampianifa'
IEHOVÀ; naho fonga kinopa' iareo o rovao vaho tsifotofoto ty vara tam' iereo ao.
[14] Linafa' iareo ka o kibohom-pitan-kareo, le tinava' iareo ty añondry naho rameva
maro vaho nimpoly mb'e Ierosalaime añe.

# 15

[1] Nivotrak' amy Azarià ana' i Ovede t'i Arofon' Añahare; [2] le niavotse mb'eo
hifanalaka amy Asa, le hoe re ama'e: Janjiño raho ry Asa naho ry Iehoda miharo Beniamine iaby; indreza' IEHOVÀ kanao ireketa' areo; itsoeho le ho isa'areo; f'ie
aforintse' areo le ho farie'e ka. [3] Hatrela t'ie tsy aman' Añahare to t'Israele naho tsy
amam-pisoroñe mpañoke vaho tsy aman-Kàke; [4] fe amy haembera' iareo le nitolik'
am' IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, nipay vaho nahatendreke. [5] Ie tañ' andro zay
tsy nanintsiñe ty niavotse ndra ty nimoake, fa hasotriam-bey ty nampilovilovi' ze
hene mpimone' o taneo. [6] Finofoke iereo, fifeheañe miatre-pifeheañe, rova miatrerova; amy t'ie nametsahan' Añahare ze atao hasotriañe. [7] Fe mihaozara, ko apoke
higebañe ty fità' areo, fa ho tambezeñe o fitoloña'areoo.

[8] Ie nahajanjiñe i tsara zay t'i Asa, i nitokia' i Azarià ana' i Ovede, mpitokiy, le nandrobo-batañe naho finao'e an-tane' Iehodà naho e Beniamine iaby ze raha nampangorìñe, naho amo rova rinambe'e am-bohibohi' i Efraimeo; vaho hinavao'e
i kitreli' IEHOVÀ, aolo' i lavaranga' IEHOVÀiy. [9] Le natonto'e iaby t'Iehodà naho i Beniamine naho o mpañialo ama'e boak' Efraime naho e Menasè vaho e Simeoneo; fa maro ty nihintsañe am' Israele ie nioni' iereo te nindre ama'e t'IEHOVÀ
Andrianañahare'e. [10] Aa le nifanontoñe e Ierosalaime ao amy volam-paha-telo, amy
taom-paha-folo-lim' ambi' i Asay, [11] vaho nanao soroñe amy IEHOVÀ amy andro zay,
boak' amy fikopahañe nendesa' iareoy, añombe fiton-jato naho añondry fito-arivo;
[12] le nifañina hitsoeke IEHOVÀ Andrianañaharen-droae' iareo, an-kaampon' arofo
naho an-kaliforam-pañova, [13] le havetrake ze tsy mipay IEHOVÀ Andrianañahare'
Israele, ke t'ie kedekede he te bey, ke lahilahy hera ampela. [14] Aa le nifanta am-pazak'
am' IEHOVÀ iereo naho am-pamatsiañe vaho an-trompetra naho antsiva. [15] Nandia
taroba iaby t'Iehoda ty amy fantay, amy te nititiheñe an-kaampon' arofo naho
nitsotsehe' iereo vaho nitendreke. Aa le nitsitsihe' IEHOVÀ fañanintsiñe. [16] Nafaha'e
tsy ho renem-panjaka ka t'i Maakà rene' i Asa mpanjaka amy t'ie nandranjy sare tiva i Aserà; le finira' i Asa i sare'e nampangorìñey naho dinemo'e ho deboke vaho
noroa'e an-toraha' i Kidrone ao. [17] Toe tsy nafahañe am' Israele o toets' aboo; fe
ni-ary ty arofo' i Asa amo hene andro'eo. [18] Le nindese'e añ' anjomban' Añahare
ao o raha navìn-droae'e naho o raha navì'eo, volafoty naho volamena naho fanake.
[19] Vaho tsy aman' aly i taney pak' an-taom-pifehea' i Asa faha-telopolo-lim' amby.

# 16

[1] Ie an-taom-pifehea' i Asa faha-telopolo eneñ' amby, le nionjo hiatreatre am'Iehodà t'i Baasà mpanjaka' Israele, le namboare'e ty Ramà, hisebañe ze te hiavotse ndra
himoak' mb'amy Asa mpanjaka' Iehodà. [2] Aa le nakare' i Asa ty volafoty naho

volamena am-pañajam-bara añ' anjomba' IEHOVÀ naho añ' anjomba' i mpanjakay
vaho nahitri'e mb' amy Benehadade nte-Arame nimoneñe e Damesèk' ao, ami'ty hoe:
3 Eo ty fañina amako naho ama'o, manahake i tañivon-drae'o naho an-draekoy, Ingo
te nañitrifako volafoty naho volamena; Mañaveloa, apitsoho ty fañina'o amy Baasà
mpanjaka' Israele, hisitaha'e amako. 4 Aa le hinao' i Benehadade t'i Asa mpanjaka
naho nirahe'e haname o rova' Israeleo o mpifehen-dahindefo'eo; le linafa' iareo
t'Iione naho i Dane naho i Abelmaime naho ze fonga rovam-pañaja' i Naftaly. 5 Aa ie
jinanji' i Baasa zay, le najihe'e ty fañamboarañe i Ramà vaho nado'e i nitoloña'ey.
6 Aa le nente' i Asa t'Iehodà iaby hitaoñe o vato' i Ramào naho o boda'e namboare'
i Baasao le namboatse i Gebà naho i Mitspà.

7 Ie amy zay, nimb' amy Asa mpanjaka' Iehoda mb'eo t'i Kananý mpioniñe,
nanao ty hoe, Kanao niatoa'o ty mpanjaka' i Arame, le tsy niatoa'o t'IEHOVÀ
Andrianañahare'o, le nipolititse am-pità'o ty valobohòm-panjaka' i Arame. 8 Tsy
nivalobohòke vasiañeñe reketse sarete naho mpiningitse nivorentsañe hao o nte-
Koseo naho o nte-Lobeo? Fe kanao niatoa'o t'IEHOVÀ le nitolora'e am-pità'o. 9 Fa
mihelañe mb'eo mb'eo an-tane atoy o fihaino' IEHOVÀo, hiboake ho maozatse amo
añ'ampon-troke ama'e. Toe nanoe'o hagegeañe i rahay, hanañ'aly rehe henane
zao. 10 Niforoforo amy mpioniñey t'i Asa le nampijoñe'e am-bahorañe ao ami'ty
haviñera'e amy rahay. Namorekeke ondaty ka t'i Asa henane zay. 11 Aa ty amo
fitoloña' i Asao, ty valoha'e ampara' ty fara'e, ingo te misokitse amo bokem-panjaka'
Iehoda naho Israeleo. 12 Ie an-taom-pifehea'e faha telopolo sive' amby, narare
am-pandia'e t'i Asa; toe nanjeke mafe i arete'ey; fe amy hasilo'ey, tsy IEHOVÀ ty
pinai'e, fa o mpanahao. 13 Aa le nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Asa; nivilasy an-
taom-pifehea'e fah' efapolo-raik' amby. 14 Nalente' iareo an-kibori'e hinali'e ho
am-bata'e an-drova' i Davide ao, le natsalalampa' iareo amy fandreañe natsafeñe
raha mandrifondrifoñe naho karazan' embok' ankafankafa nitsenèñe ami'ty hilala'
o mpanao rano mañitseoy; le nanoa' iareo fañoroañe ra'elahy.

# 17

1 Nandimbe aze nifehe t'Iehosafate anadahi'ey, le nihafatratse am' Israele.
2 Nampipoha'e lahindefoñe iaby o rova-fatrats' Iehodao naho nampijadoña'e firim-
boñañe an-tane Iehoda ao vaho amo rova' i Efraime rinambe' i Asa rae'eo. 3 Nindre
am' Iehosafate t'IEHOVÀ, amy te nañaveloe'e o sata' i Davide rae'e valoha'eo, le tsy
pinai'e o Baaleo; 4 nitsoeha'e t'i Andrianañaharen-drae'e, nañaveloe'e o lili'eo vaho
tsy nanoe'e o sata' Israeleo. 5 Aa le najado' IEHOVÀ am-pità'e i fifeheañey; le ninday
ravoravo am' Iehosafate t'Iehoda iaby ie nanam-bara naho engeñe ra'elahy. 6 Le
naonjoñe amo sata' IEHOVÀo ty arofo'e; mbore nafaha'e boake Iehoda ao o tambohoo
naho o Aserào. 7 Ie tan-taom-paha-telo' i fifehea'ey, le nirahe'e o roandria'eo, i
Benekaile naho i Obadia naho i Zekarià naho i Netanele vaho i Mikaià hañoke amo
rova Iehodao. 8 Nindre am' iereo o nte-Levio; i Semaià naho i Netanià naho i Zebadià
naho i Asahele naho i Semiramote naho Iehonatane naho i Adoniià naho i Tobiià
vaho i Tobadonià, nte-Levy; nitraok' am' iereo t'i Elisamà naho Iehorame mpisoroñe,
9 nañanatse e Iehodà ao, le am' iereo ty boke' i Hà' IEHOVÀ; nitsitsihe' iereo o rova'
Iehodà iabio, nañoke ondatio.

10 Nivotrak' amo fonga fifeheañe naho tane mañohoke am' Iehodao ty fireven-
dreveñañe IEHOVÀ vaho tsy eo ty nialy am' Iehosafate. 11 Nandesa' ty ila' o nte-
Pelistio ravoravo naho haba am-bolafoty; ninday hare o nte-Arabeo: añondrilahy
fito-arivo-tsi-fitonjato naho oselahy fito-arivo-tsi-fitonjato. 12 Nitoabotse avao ty
enge' Iehosafate; le namboare'e e Iehoda ao ty rova fatratse naho rovam-pañajàñe.
13 Nimaro ty tolon-draha'e amo rova' Iehodao vaho inao o lahindefoñe, fanalolahy

maozatse e Ierosalaimeo. 14 Le zao ty famoliliañe iareo ty aman' anjomban-
droae'e: am' Iehoda, o mpifelek' arivoo: i Adnà mpiaolo, reketse fanalolahy
mahasibeke telo-hetse; 15 nanonjohy aze t'Iehohanane mpiaolo reketse roe-hetse-tsi-
valo-ale; 16 nañorik' aze t'i Amasià, ana' i Zikrý, mpanolo-batañe ho am' IEHOVÀ,
fanalolahy maozatse roe-hetse ty tama'e; 17 le amy Beniamine, i Eliada, lahindefo
maozatse nahasibeke, reketse mpitàm-pale naho fikalandefoñe roe-hetse; 18 le
añ'ila'e t'Iehozabade reketse rai-hetse-tsi-valo-ale veka'e hialy. 19 Irezay ro nitoroñe
i mpanjakay mandikoatse o napo'e amo rova fatratse nanitsike Iehodào iabio.

# 18

1 Nanañ'asy naho vara tsi-efa t'Iehosafate; f'ie nifampilongo amy Akabe am-
panambaliañe. 2 Ie taoñe maromaro añe, le nizotso mb'amy Akabe e Somerone
mb'eo. Nandenta añondry naho añombe ho aze naho ho amo mpiama'eo t'i
Akabe vaho sinigì'e hindre-lia ama'e mb'e Ramote-gilade mb'eo. 3 Fa hoe t'i Akabe
mpanjaka' Israele am' Iehosafate mpanjaka' Iehoda: Hindre-lia amako hao rehe mb'e
Ramote-Gilade mb'eo? Le hoe ty natoi'e: Manahak' azo raho, naho ondatikoo hoe
ondati'oo, vaho ho mpiama'o añ'aly zahay.
4 Fe hoe t'Iehosafate amy mpanjaka' Israeley: Ehe, añontaneo heike ty tsara'
IEHOVÀ. 5 Natonto' i Akabe amy zao o mpitokio, ondaty efa-jato, le nanoa'e ty hoe;
Hionjomb'e Ramote-gilade hihotakotake hao tika, he hifonen-draho? Le hoe iereo:
Mionjona, amy t'ie hatolon' Añahare am-pità' i mpanjakay. 6 Fe hoe t'Iehosafate: Tsy
amam-pitoki' IEHOVÀ hao ty atoy, hañontanean-tika? 7 Le hoe ty mpanjaka' Israele
am' Iehosafate: Mbe eo t'indaty mete hampañontanean-tika am' IEHOVÀ, f'ie hejeko;
fa le lia'e tsy itokia'e ty hasoa, toe nainai'e raty; i Mikaià ana' Imlà 'nio. Le hoe
t'Iehosafate; Ehe tsy hanao zay ty mpanjaka. 8 Aa le tinoka' i mpanjaka' Israeley
ty mpifehe ami'ty hoe: Hitrifo masika t'i Mikaià ana' Imlà. 9 Songa niambesatse
amy fiambesa'ey ty mpanjaka' Israele naho Iehosafate, nisikiñe saro-mireparepa,
le niambesatse an-toem-pifofohañe an-dalambei' i Somerone eo vaho sindre nitoky
añatrefa' iereo eo o mpitokio. 10 Le niranjie' i Tsidkià ana' i Kenaanà ty tsifam-biñe
vaho nanao ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Iretoañe ty hitrofaha'o o nte-Arameo ampara t'ie
mongotse. 11 Le sambe nitoky o mpitokio nanao ty hoe: Mionjona mb'e Ramote-
Gilade, le mihenefa; fa hatolo' IEHOVÀ am-pità' i mpanjakay. 12 Nanao ty hoe
amy Mikaià i mpihitrike nitok' azey: Inao! songa mitoky hasoa amy mpanjakay
o mpitokio, aa ehe te hindray ami'ty raik' am'iereo ty saontsi'o vaho mitaroña
hasoa. 13 Le hoe t'i Mikaià: Kanao veloñe t'IEHOVÀ, ze tsaraen' Añahareko, zay
ty ho volañeko. 14 Ie pok' amy mpanjakay, le hoe i mpanjakay ama'e: O Mikaià,
hañavelo mb'e Ramote-gilade mb'eo hao zahay hialy he hifoneñako? le hoe re;
Mionjona le mandreketa, fa hatolotse am-pità'o. 15 Le hoe i mpanjakay tama'e:
Impire ty nandiliako azo ty tsy hivolañe ndra inoñ' inoñe naho tsy ty hahiti'e amy
tahina' IEHOVÀy? 16 Le hoe re: Nitreako te niparaitak' an-kaboañe ey iaby t'Israele
hoe añondry tsy amam-piarake; le hoe t'IEHOVÀ; Tsy amam-piarake iretoañe, apoho
songa himpoly mb'an-kiboho'e an-kanintsiñe ondatio. 17 Le hoe ty mpanjaka' Israele
am' Iehosafate; Tsy vinolako hao t'ie tsy hitoky hasoa amako, fa raty? 18 le natovo'e
ty hoe, Janjiño arè ty tsara' IEHOVÀ: Nitreako niambesatse am-piambesa'ey t'IEHOVÀ,
le nijohañe ampità'e havana naho havia'e eo iaby i valobohòn-dikerañey. 19 Le hoe
t'IEHOVÀ: Ia ty hanigike i Akabe mpanjaka' Israele, hampionjone'e mb' eo hikorovoke
e Ramote-gilade añe? Aa le inao ty raike, le inay ka ty ila'e. 20 Loneake amy zao ty
fañahy nijohañe añatrefa' IEHOVÀ, nanao ty hoe: Zaho ty hanjizy aze. Le hoe t'IEHOVÀ
ama'e: Akore? 21 Le hoe re, Hionjomb'eo raho ho fañahin-dremborake am-palie' o
mpitoki'e iabio. Le hoe re: Toe ho sigihe'o vaho hañeneke; akia, ano. 22 Aa le ingo te

nampipoha' IEHOVÀ am-palie' o mpitoki'o reo ty fañahy mandañitse*; fa toe hankàñe
ty nitsara' IEHOVÀ azo. 23 Nañarine aze t'i Tsidkià ana' i Kenaanà, le tinampifi'e ty
fiambina' i Mikaià vaho nanao ty hoe: Nimb' aia ty fañahi' IEHOVÀ boak' amako
hivolañe ama'o? 24 Le hoe t'i Mikaià: Inao! ho isa'o amy andro himoaha'o an-traño
añate'e ao hietaha'oy. 25 Le hoe ty mpanjaka' Israele, Endeso t'i Mikaià, le ampolio
amy Amone mpifehe' i rovay naho am' Ioase anam-panjaka ao; 26 le ano ty hoe: Hoe
i mpanjakay: Apoho an-drohy ao tia; vaho fahano mofon-kasotriañe naho ranom-
pijaleañe, ampara' te mimpoly an-kanintsin-draho. 27 Le hoe t'i Mikaià, Aa kanao
himpoly an-kanintsin-drehe, tsy nitsara añamako t'IEHOVÀ. Le hoe re: Janjiño zay ry
ondatio, inahareo iaby.
28 Aa le nionjoñe mb'e Ramote-gilade mb'eo i mpanjaka' Israeley naho Iehosafate
mpanjaka' Iehoda. 29 Le hoe ty mpanjaka' Israele am' Iehosafate; Hihonohono raho te
hizilik' an-kotakotak' ao; f'ihe ka, aombeo o saro'o mireparepao. Aa le nañonohono-
vatañe i mpanjaka' Israeley; vaho nimoak' an-kotakotak' ao iereo. 30 Fe hoe ty
nafanto' i mpanjaka' i Aramey amo mpifehen-tsarete'eo; Ko ialia'o ty kedeke ndra
ty bey naho tsy i mpanjaka' Israeley avao. 31 Ie amy zao naho niisa' o mpifehen-
tsareteo t'Iehosafate le hoe iereo: Ingo i mpanjaka' Israeley. Aa le nitoliha' iareo
hialy; fe nikoike t'Iehosafate le nañolotse aze t'IEHOVÀ vaho niroroten' Añahare
iereo hisitake. 32 Aa ie nirendre' o mpifehe sareteo t'ie tsy i mpanjaka' Israeley le
nivalike tsy nihoridaña'e. 33 Fe teo t'indaty nampivoho-pale tsinahi'e nahatrofake i
mpanjaka' Israeley añivo' o fikala'e ambane naho i aron' arañа'ey, le hoe re amy
mpinday saretey; Ampivioño o fità'oo, le ampiavoto amy valobohòkey raho fa loho-
fere. 34 Niindra avao i hotakotakey amy andro zay; ie amy zao nahafijohañe an-tsarete
ao niatreke o nte-Arameo i mpanjaka' Israeley am-para' te hariva; le nihomake te
nitsofotse i àndroy.

# 19

1 Aa le nimpoly an-kanintsiñe mb' añ'anjomba'e e Ierosalaime añe t'Iehosafate.
2 Le niavotse nifanalaka ama'e t'Iehò ana' i Kananý mpioniñe, nanao ty hoe am'
Iehosafate mpanjaka: Ho nolora'o hao ty lo-tsereke; ho nikokoa'o hao ty malaiñe
IEHOVÀ? Hametsaha' IEHOVÀ haviñerañe! 3 F'ie ahaoniñan-tsoa, kanao naria'o an-
tane atoy o hazomangao vaho nitambozora'o arofo hitsoek' an' Andrianañahare.
4 Aa le nimoneñe e Ierosalaime ao t'Iehosafate naho niavotse indraike mb'am'
ondaty mifotots' e Beersevà pak' ambohibohi' i Efraimeo vaho nampoli'e am' IEHOVÀ
Andrianañaharen-droae' iareo. 5 Le nampijadoña'e mpizaka an-tane ao; amo rova-
fatratse e Iehoda iabio kirova-drova, 6 le hoe re amo mpizakao: Ereñereo o anoe'
areoo; toe tsy ama' ondaty ty fizaka'areo, fa ama' IEHOVÀ, Ie ty mañimba anahareo
mizakao. 7 Ee arè, te ho ama'areo ty fañeveñañe ama' IEHOVÀ; mitaoa vaho
mitoloña; fa tsy aman-tahiñe t'IEHOVÀ Andrianañaharen-tika ndra firihiañe ndra
fandrambesam-bokàñe. 8 Mbore nampijadoñe nte-Levy naho mpisoroñe vaho talèn'
anjomban-droae' Israele e Ierosalaime ao t'Iehosafate ho ami'ty fizakà' IEHOVÀ naho
ty hizakàñe o mpilie-drokoñe amo mpimoneñe e Ierosalameo. 9 Le nafanto'e am'
iereo ty hoe: Hanoe' areo am-pañeveñañe ama' IEHOVÀ o raha zao, am-pigahiñañe
naho an-kaampon'arofo. 10 Aa ndra mbia' mbia te tendrek' ama' areo boak' aman-
drolongo' areo mpimoneñe an-drova' iareo ao, añivo' ty lio naho ty lio, añivo' t'i Hake
naho ty faly, ty fañè naho ty fepètse, le ho hatahatae' areo, ehe, tsy hanan-tahiñe am'
IEHOVÀ, hampifetsahan-kaviñerañe ama' areo naho aman-drolongo' areo; ano zay,
tsy hampanan-kakeo anahareo. 11 Ingo, hifehe anahareo amy ze hene raha' IEHOVÀ
t'i Amarià mpisorom-bey; naho amo raham-panjaka iabio i Zebadià, ana' Ismaele,

* **18:22** Te II 2:11

talèn' anjomba Iehodà; vaho añatrefa' areo o mpifeleke nte-Levio. Mahasibeha ampitoloñañe le himbae' IEHOVÀ o vantañeo.

# 20

[1] Añe zay, le nimb'eo hihotakotak' am'Iehosafate o ana' i Moabeo naho o ana' i
Amoneo, mitraok' ami'ty ondaty ila'e. [2] Le pok' eo ty nitalily am' Iehosafate ty hoe: Fa
mb'atoa ty valobohòke boak' alafe' i riakey hirik' Arame añe; le inao fa e Katsetsone-
tamare iereo, e En-gedý ey henaneo. [3] Nihembañe amy zao t'Iehosafate, le nifahara'e
tsoeke t'IEHOVÀ vaho nanitsike Iehodà nitsèy lilitse. [4] Nifanontoñe amy zao t'Iehoda,
nipay imba am' IEHOVÀ; le boak' amy ze hene rova' Iehoda ty nivoria' iareo hitsoeke
IEHOVÀ. [5] Nijohañe amy fivori' Iehoda naho Ierosalaimey t'Iehosafate, añ' anjomba'
IEHOVÀ aolo' i kiririsa vaoy; [6] nanao ty hoe; Ry IEHOVÀ Andrianañaharen-droae'ay,
tsy Ihe hao t'i Andrianañahare andindimoneñe ao? Tsy Ihe hao ty Mpifehe ze fonga
fifehea' o kilakila' ondatio? Le am-pità'o ty hafatrarañe naho ty haozarañe vaho
tsy eo ty hahafitroatse ama'o. [7] Tsy Ihe hao, ry Andrianañahare'ay, ty nandroake o
mpimoneñe an-tane atoio aolo' ondati'o Israeleo vaho natolo'o amo tiri' i Avrahame
rañe'oo ho nainai'e donia? [8] Aa le nimoneñe ao iereo vaho nandranjy toe-masiñe
ho amy tahina'oy ami'ty hoe: [9] Ie mifetsak' ama'ay ty hankàñe, i fibaray, i zakay,
ke angorosy, he hasalikoañe, le hijohañe añatrefa' ty anjomba toy naho aolo'o eo
zahay (amy te añ'anjomba atoy ty tahina'o) naho itoreova'ay ty haembera'aiy, le
hijanjin-dRehe vaho handrombake. [10] Ie amy zao, vazohò o ana' i Amoneo naho i
Moabeo vaho i Vohi-Seirey, ie tsy nado'o ho tamè' Israele niavotse an-tane Mitsraime
añe, naho niary tsy nirotsaheñe; [11] hehe ty atolo' iareo ama'ay henaneo, ie mb' etoa
hañary anay amy fanaña'o natolo'o anay ho lovay. [12] Ry Andrianañahare'ay, Tsy
Ihe hao ty hametsa-jaka am' iereo? tsy ama'ay ty hafatrarañe hahafitroatse amo
valobohòke jabajaba mb' etoañe hiatreatre ama'aio, vaho tsy hai'ay ty hanoeñe, fe
ama'o o fihaino'aio. [13] Le fonga nijohañe añatrefa' IEHOVÀ t'Iehodà naho o keleia'eo,
o vali'eo vaho o amori'eo.

[14] Aa le nivotrak' am' Iakaziele, ana' i Zekarià, ana' i Benaià, ana' Ieiele, ana' i
Matanià nte-Levy amo ana' i Asafeo, ty Arofo' IEHOVÀ añivo' i fivoriy; [15] le hoe re:
Mijanjiña, ry Iehoda naho o mpimone' Ierosalaimeo naho ry Iehosafate mpanjaka;
Hoe ty nafè' IEHOVÀ ama' areo: Ko hembañe, ko miroreke ty amy valobohòke
ra'elahiy; toe tsy anahareo i hotakotakey, fa an' Andrianañahare. [16] Mizotsoa
mb'am' iereo mb'eo hamaray; Inao! hionjomb' am-pitroara' i Zize iereo, le ho
tendrek'ama' areo amy figadoña' i vavataney, aolo' i fatrambei' Ieroeley. [17] Tsy
inahareo ty hialy amy hotakotakey, mijadoña eo, mijohaña an-kanintsiñe vaho
isaho ty fandrombaha' IEHOVÀ, ry Iehodà naho Ierosalaime, ko mirevendreveñe, ko
mangetraketrake, miavota hiatreke iareo hamaray; fa hañimba anahareo t'IEHOVÀ.
[18] Aa le nidròdreke, laharañe mb' an-tane t'Iehosafate; le nibabok' añatrefa' IEHOVÀ
iaby t'Iehoda naho o mpimone' Ierosalaimeo, nitalaho am' IEHOVÀ. [19] Nitroatse
amy zao o nte-Levio, o anan-te-Kehàteo naho o anan-te-Koraheo handrenge IEHOVÀ
Andrianañahare' Israele, am-pipoñafam-peo.

[20] Aa le nañaleñaleñe amy loak' androy iereo, nionjomb' an-diolio' i Tekoà
mb'eo; ie nañavelo iereo le nijohañe eo t'Iehosafate, nanao ty hoe; Janjiño raho,
ry Iehoda naho ry mpimone' Ierosalaimeo; iatò t'IEHOVÀ Andrianañahare' areo le
hijadoñe; iantofo o mpitoki'eo le hahatafetetse. [21] Ie fa nisafiry am'ondatio le
tinendre'e o hisabo amy IEHOVÀo naho o handrenge am-pihaminañe miavakeo, hiaolo
o lahindefoñeo, ami'ty hoe:

Andriaño t'IEHOVÀ, fa nainai'e ty fiferenaiña'e.

[22] Aa ie namototse nisabo naho nandrenge iereo, le nampipoha' IEHOVÀ mpaman-
droñe hanampoke o ana' i Amone naho i Moabe naho o tam-bohi-Seire ho naname
Iehodao, le zinevo iereo. [23] Amy te nitroatse amo mpimoneñe am-bohi-Seireio o
ana' i Amone naho Moabeo, nanjamañe naho nandrotsake; aa ie fonga finongo'
iereo o mpimone' i Seireo le songa nifanjamañe ka. [24] Aa ie niheo mb'amy fitilik'
abom-patrambeiy mb'eo t'Iehodà, le niisa' iereo i valobohòkey; hehe te lolo avao
ty nifitak' an-tane eo, leo raike tsy nibotitsike. [25] Ie nivotrake eo t'Iehosafate naho
ondati'eo hikopake, le tendreke te tsifotofoto ty vara naho ty lolo niravake vato soa
vaho nangozie' iereo, bey ta ty lefe-jinieñe; telo andro t'ie nangalake i kopakey ami'ty
hamaro'e. [26] Ie amy andro fahefatsey le nifanontoñe am-bavatane' i *Berakà ao
nañandriañe IEHOVÀ; aa le nitokaveñe ty hoe Vavatanem-Berakà ty añara' i toetsey
pak' androany. [27] Songa nimpoly amy zao ze ondati' Iehodà naho Ierosalaime,
Iehosafate ty niaolo, nibalike mb'e Ierosalaime am-pirebehañe; ie nampirebehe'
IEHOVÀ ty amo rafelahio. [28] Aa le pok' e Ierosalaime ao iereo reketse fikontsañañe
naho marovany naho trompetra nimb' añ' anjomba' IEHOVÀ mb'eo. [29] Le nifetsak'
amo fifehea' i taney iabio ty firevendreveñañe aman'Añahare, ie jinanjiñe te IEHOVÀ
ty nialy amo rafelahi' Israeleo. [30] Toe nianjiñe ty fifehea' Iehosafate; amy te
nampitofàn' Añahare'e o añariary azeo.
[31] Aa le nifehe Iehoda t'Iehosafate; niorotse nifehe amy tao'e faha telopolo-lime
ambiy, le nifeleke e Ierosalaime ao roapolo taoñe lime amby, i Azobà ana' i Silhý ty
tahinan-drene'e. [32] Nañavelo an-tsata' i Asa, rae'e re, tsy nivike ama'e fa nanao
ze fahiti'e am-pihaino' IEHOVÀ. [33] Fe mboe tsy nafahañe añe o toets' aboo; amy
te tsy najado' ondatio aman' Añaharen-droae' iareo o arofo' iareoo. [34] Aa ty amo
fitoloña' Iehosafate ila'eo, ty valoha'e pak' ampara'e, oniño t'ie misokitse amo enta'
Ieho ana' i Kananý najoñe amy bokem-panjaka' Israeleio. [35] Ie añe, nipiteke amy
Ahkazià, mpanjaka' Israele lo tserekey, t'Iehosafate mpanjaka' Iehoda; [36] nirekets'
ama'e hamboatse sambo hionjoñe mb'e Tarsise mb'eo; le namboare' iareo e Etsione-
gebere ao i sambo rey. [37] Aa le nitoky amy Iehosafate t'i Eliezere, ana' i Doda nte
Maresà nanao ty hoe: Kanao nirekets' amy Ahkazià rehe le fa nipozahe' IEHOVÀ o
fitoloña'oo. Aa le nifoy iaby i sambo rey, tsy nahafionjoñe mb'e Tarsise.

# 21

[1] Le nitrao-piròtse aman-droae'e t'Iehosafate naho nalentek' aman-droae'e an-
drova' i Davide ao; Iehorame ana'e ty nandimbe aze nifehe. [2] Nanan-droahalahy
re, songa ana' Iehosafate: i Azarià naho Iekiele naho i Zekariaho naho i Azariaho
naho i Mikaele naho i Sefatià songa ana' Iehosafate mpanjaka' Israele. [3] Nitoloran-
drae'e ravoravo maro: volafoty naho volamena naho raha sarotse, reketse rova
fatratse e Iehoda ao; fe natolo'e a' Iehorame ty fifeheañe amy t'ie ty tañoloñoloña'e.
[4] Aa ie fa nitroatse ambone' ty fifehean-drae'e naho nihafatratse, le fonga zinama'e
am-pibara i rahalahi'e rey naho ty ila'o roandria' Israeleo. [5] Nitelo-polo taoñe ro'
amby t'Iehorame te niorotse nifehe naho nifehe valo-taoñe e Ierosalaime ao, [6] naho
nañavelo an-state' o mpanjaka' Israeleo manahake ty anjomba' i Akabe, (amy te
tañanjomba'e ty anak' ampela' i Akabe) vaho nanao ze raty ampivazohoa' IEHOVÀ.
[7] Fe tsy nisitra' IEHOVÀ ty handrotsake i anjomba' i Davidey, ty amy fañina nanoe'e
amy Davidey, ie nampitama'e te hatolots'aze naho amo ana'eo ty failo hirehetse
nainai'e donia. [8] Niola ambanem-pità' Iehoda ty Edome tañ' andro'e vaho nañoriñe
mpanjaka hifehe iareo. [9] Nitsake mb'eo mindre amo mpifehe'eo t'Iehorame naho o
sarete'e iabio; le nitroatse haleñe vaho linafa'e o nte Edome niarikatok' azeo naho o
mpifehen-tsareteo. [10] Mbe miola ambanem-pità' Iehoda t'i Edome pak' androany;

* **20:26** Berakà: tata, fitongalehañe

le niola henane zay ka t'i Libnà tambanem-pità'e; amy te naforintse'e t'IEHOVÀ,
Andriananañaharen-droae'e. 11 Mbore namboara'e toets' abo o haboa' Iehodao naho
nampiveve o mpimone' Ierosalaimeo hanoa' iareo hakarapiloañe vaho nazi'e ka
t'Iehoda.
12 Aa le niheo ama'e ty sokitse boak' amy Elià mpitoky, nanao ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ
Andriananañahare' i Davide rae'o; Kanao tsy nañaveloa'o ty sata' Iehosafate rae'o
naho ty sata' i Asa mpanjaka' Iehoda; 13 te mone mañavelo an-dala' o mpanjaka'
Israeleo naho mampañarapilo Iehodà naho o mpimone' Ierosalaimeo, manahake
ty nampañarapiloa' ty anjomba' i Akabe Israele; mbore zinama'o o rahalahi'o
añ' anjomban-droae'o nisoa te ama'oo; 14 le Inao! ho lafae' IEHOVÀ angorosy
mandrambañe ondati'oo naho o ana'oo naho o vali'oo vaho ze vara'o iaby; 15 vaho
hanjekè' ty areten-troke loza rehe ampara' te mipontsoañ' ama'o o aova'oo ami'ty
areteñe lomoñandro lomoñandroy. 16 Trinobo' IEHOVÀ ty tro' o nte-Pelistio naho
o nte-Arabe añ'ila' o nte-Koseoo ty hiatreatre am' Iarovame; 17 le nionjo haname
Iehoda iereo naho niboroboñak' ama'e naho fonga tinava' iareo ty vara añ' anjomba'
i mpanjakay naho o ana-dahi'eo naho o vali'eo; vaho tsy nadoke anadahy re naho tsy
Iehoakaze tsitson' ana'ey. 18 Ie añe zay le nampanjekè' IEHOVÀ am-pisafoa re ami'ty
rare tsy lefe jangañeñe, 19 ie añe naho nimodo ty roe taoñe, le nipororoake boak'
ao o aova'eo ty amy arete'ey vaho navetra' i areten-dratiy. Tsy nanao afo bey ho
aze ondatio manahake ty nanoa' iereo an-droae'e. 20 Ni-telopolo taoñe ro'amby re te
niorotse nifehe, le nifeleke e Ierosalaime ao valo taoñe vaho nienga tsy nikokoañe.
Nalente' iareo an-drova' i Davide ao fa tsy amo kiborim-panjakao.

# 22

1 Aa le nanoe' o mpimone' Ierosalaimeo mpanjaka t'i Ahkazià tsitson' ana'e
handimbe aze, amy te fonga zinama' i firimboña' ondaty nindre amo nte-Arabe
naname' i tobeo o zoke'eo; aa le nifehe t'i Ahkazià ana' Iehorame mpanjaka' Iehoda.
2 Ni-efapolo taoñe ro'amby ty Ahkazià te niorotse nifehe, le nifehe rai-taoñe e
Ierosalaime ao. I Atalià ana' i Omrý ty tahinan-drene'e. 3 Nanjotik' an-tsatan'
anjomba' i Akabe ka re, fa nimpanolo-hevets' aze ty rene'e hanoa'e haloloañe. 4 Aa
le nanoe'e haratiañe am-pivazohoa' IEHOVÀ manahake ty anjomba' i Akabe, ty amo
mpanoro aze tafaram-pivetrahan-drae'eo, handrotsahañ' aze. 5 Ie nitsontik' amo
fanoroa' iareoo, naho nindre am'Iehorame ana' i Akabe, mpanjaka' Israele, hialy
amy Kazaele mpanjaka' i Arame e Ramote-gilade. Le finatsi' o nte-Arameo t'Iorame
6 vaho noly e Iezreele ao hijangañe amo fere'e natolots' aze e Ramào, ie nialy amy
Kazaele mpanjaka' i Arame. Le nizotso mb'eo t'i Ahkazià ana' Iehorame mpanjaka'
Iehoda hitilike i ana' i Akabey e Iezreele ao ami'ty hasilo'e. 7 I Andriananañahare ty
nampandrotsake i Ahkazià ty amy nandenà'e mb'e Iorame mb'eoy, f'ie nipok' eo le
nindreza'e fiavotse am'Iehorame hiatreatre am' Ieho ana' i Nimsý noriza' IEHOVÀ
hampipitsoke ty anjomba' i Akabe. 8 Aa ie nañeneke ty fizaka' Ieho amy anjomba'
i Akabey, le nitendrek' amo ana-dona' Iehodao naho amo ana-drahalahi' i Ahkaziào
niatrake i Ahkazià vaho zinama'e. 9 Pinai'e t'i Ahkazià le tsinepa' iareo—ie nietake e
Somerone ao, le nendese' iereo mb'am' Ieho mb'eo vaho zinevo'e; le nalente' iareo,
ami'ty asa' iareo ty hoe; Ana' Iehosafate re, i mpitsoeke IEHOVÀ an-kaampon' arofo'ey.
Aa le tsy nanan' ozatse hahafitàñe i fifeheañey ty anjomba' i Ahkazià.
10 Ie nioni' i Atalià rene' i Ahkazià te nivetrake i ana'ey le niongake, nanjamañe
ze fonga tirim-panjaka añ' anjomba' Iehoda ao. 11 Fe rinambe' Iehosabeate anak'
ampela' i mpanjakay t'Ioase, ana' i Ahkazià, le tinonga'e boak' amo anam-panjaka
nizamaneñeo, le nakafi'e rekets' i mpiatrak' azey an-toem-piroroañe ao; aa le naeta'
Iehosabeate anak' ampela' i mpanjaka vali' Iehoiada mpisoroñey, (ie rahavave' i

Ahkazià), amy Atalià re vaho tsy vinono. 12 Naetake am' iereo añ'anjomban' Añahare
ao enen-taoñe re; naho nifehe i taney t'i Atalià.

# 23

1 Aa ie amy taom-pahafitoy, le nihafatratse t'Iehoiada, le rinambe'e o mpifehe-zatoo
naho i Azarià ana' Ierohame naho Ismaele ana' Iehonane naho i Azarià ana' i Ovede
naho i Maaseià ana' i Adaià naho i Elisafate ana' i Zikrý vaho nifañina am' iereo.
2 Le nanitsike Iehodà iereo nanontoñe o nte-Levio amo hene' rova' Iehodao naho o
talèn' anjomban-droae' Israeleo vaho niheo mb'e Ierosalaime mb'eo. 3 Nifañina amy
mpanjakay añ'anjomban' Añahare ao i fivori-bey iabiy, le hoe t'Iehoiada am' iereo:
Heheke te hifehe ty ana' i mpanjakay amy tsara' IEHOVÀ ty amo ana' i Davideoy. 4 Zao
ty hanoe' areo: ty faha-telo' areo mpisoroñe naho nte-Levy mpizilik' ao amy SABATAy
ro hañambeñe o lalambeio; 5 ty faha-telo'e ty ho añ' anjomba' i mpanjakay; ty faha-
telo'e ty ho an-dalambei' i manantañey; vaho ho an-kiririsan' anjomba' IEHOVÀ eo
ondaty iabio. 6 Ko ado' areo himoak' añ' anjomba' IEHOVÀ ao ndra ia'ia naho tsy o
mpisoroñeo naho o nte-Levy mpitoroñeo avao; ie ro hizilik' ao, amy te miavake; vaho
fonga hambena' ondatio o fanoroa' IEHOVÀO. 7 Hañarikatoke i mpanjakay o nte-Levio,
songa hitañe ty fialia'e am-pità'e; le ho vonoeñe ze ila'e mimoak' amy anjombay;
vaho inahareo, mindreza amy mpanjakay ndra t'ie mizilike ndra te miakatse. 8 Aa
le nanoe' o nte-Levio naho Iehoda iaby ze linili' Iehoiada, mpisoroñe, le songa
rinambe'e ondati'eo, o hizilik' amy SABOTSEio naho o hiakatse amy SABOTSEio; amy
te tsy navotso' Iehoiada o mpirimboñeo. 9 Mbore zinara' Iehoiada, mpisoroñe amo
mpifehe-zatoo o lefoñe naho fikalañ' araña naho fikalan-defo' i Davide mpanjaka,
boak' añ' anjomban' Añahareo. 10 Le nalaha'e ondaty iabio, songa reke-pialiañe
am-pità'e, boak' ankavana' i anjombay pak' ankavia' i anjombay, am-piozañe amy
kitreliy naho amy anjombay, añarisehoañe i mpanjakay. 11 Nampiavote' iereo amy
zao i ana-mpanjakay naho naombe ama'e i sabakay naho natolotse aze i fañinay vaho
nanoeñe mpanjaka, noriza' Iehoiada naho o ana'eo vaho nanao ty hoe: Mahavelo ry
mpanjaka. 12 Ie tsinano' i Atalià ty fikoraha' ondaty nilay handrenge i mpanjakaio le
nimoak' añ' anjomba' IEHOVÀ ao mb'am' ondatio mb'eo. 13 Niisa'e te inge nijohañe
marine i faha'ey am-pimoahañe eo i mpanjakay naho nitotok' amy mpanjakay o
roandriañeo naho o mpitan-trompetrao naho nirebeke iaby ondati' i taneio naho
nampipopò trompetra naho nitintim-pititihañe o mpisaboo, nisabo vaho nitarike
am-pandrengeañe. Aa le niriate' i Atalià o saro'eo nanao ty hoe: Fiola! Fiola!
14 Nampiakare' Iehoiada amo mpifehe-zato nifeleke i valobohòkeio re, le nanoa'e ty
hoe: Akaro añivo' o firimboñañe añ'anjombao re, le zevò am-pibara ze mañorik'
aze; ami'ty nandilia' i mpisoroñey ty hoe: Ko vonoeñe añ' anjomba' IEHOVÀ ao.
15 Aa le tsinepa' iareo am-pitàñe; le ie pok' amy fimoahan-tsoavalan' anjombam-
panjakay le zinevo' iereo. 16 Le nifañina añivo'e naho ondaty iabio vaho i mpanjakay
t'Iehoida, t'ie ho ondati' IEHOVÀ. 17 Aa le nomb'an-traño' i Baale mb'eo ondaty
iabio nandrotsak' aze, nandemok' o kitreli'eo naho o sare'eo, vaho vinono' iareo
t'i Matane mpisoro' i Baale aolo' o kitrelio. 18 Le tinendre' Iehoiada o mpifehe'
i anjomba' IEHOVÀo ho ambanem-pità' o mpisoroñe nte-Levy zinara' i Davide am-
pirimboñañe mifandimbe añ'anjomba' IEHOVÀ ao hañenga soroñe am' IEHOVÀo,
ty amy nanokirañe amy Tsara' i Mosèy, am-pirebehañe naho takasy nampanoe' i
Davide. 19 Tinendre'e ka o mpiamben-dala' i anjomba' IEHOVÀio, soa tsy aman-dalañe
hiziliha'e t'indaty tsy malio. 20 Le nendese'e o mpifele-jatoo naho o roandriañeo
naho o mpifelek' ondatio naho ze hene ondati' i taney vaho nampizotsoe'e boak'
añ' anjomba' IEHOVÀ ao i mpanjakay; le nizilik' amy lalambey amboney mb' añ'
anjomba' i mpanjakay mb'eo re vaho nampiambesareñe am-piambesam-pifeheañe

eo i mpanjakay. 21 Le nandia taroba iaby ondati’ i taneio vaho nitofa i rovay amy te
vinono am-pibara t’i Atalià.

## 24

1 Fito taoñe t’Ioase te niorotse nifehe; le nifehe efa-polo taoñe e Ierosalaime ao. I
Tsibia nte-Bersebà ty tahinan-drene’e. 2 Le nanao ze soa am-pivazohoa’ IEHOVÀ t’Ioase
amy ze hene’ andro’ Iehoiada mpisoroñe. 3 Nangala-baly roe ho aze t’Iehoiada, le
nisamak’ ana-dahy naho anak’ ampela. 4 Ie añe, le tañ’ arofo’ Ioase ty nanomonty i
anjomba’ IEHOVÀy. 5 Natonto’e o mpisoroñeo naho o nte-Levio le nanoa’e ty hoe, Akia,
mb’amo rova’ Iehodao vaho atontono am’ Israele iaby ty drala hampisomontiañe
ty anjomban’ Añahare boa-taoñe, le ilozoho! Fe tsy nahimbañe amy rahay o nte-
Levio. 6 Aa le kinanji’ i mpanjakay t’Iehoiada, talè, le hoe re ama’e, Aa vaho akore
te tsy nipaia’o amo nte-Levio ty hañakatse am’ Iehoda naho am’ Ierosalaime ao
i haba’ i Mosè mpitoro’ IEHOVÀy naho amy valobohò’ Israeley ho amy kibohom-
pañinay. 7 Amy te dinemodemo’ o ana-dahi’ i Atalià rakemba lo-tserekeo i anjomban’
Añaharey naho nengae’ iereo amo Baaleo o raha navaheñe añ’anjomba’ IEHOVÀo.
8 Aa le nandranjy vata iereo ty amy lili’ i mpanjakaiy naho napo’ iareo alafe’e ao
an-dalam-bein’ anjomba’ IEHOVÀ eo; 9 naho nitsey e Iehoda vaho e Ierosalaime ao ty
hindeseñe amy IEHOVÀ i vili-loha nampanoe’ i Mosè mpitoron’ Añahare am’ Israele
am-patrambeiy. 10 Le nirebeke iaby o roandriañeo naho ondatio, songa ninday vaho
nampipok’ amy vatay ampara’ t’ie niheneke. 11 Ie amy zao naho nazilim-pità’ o nte-
Levio i vatay vaho nioniñe te maro o dralao, le nimb’eo i mpitan-tsokim-panjakay
naho ty sorotà’ i mpisorom-beiy le nikoahe’ iereo i vatay vaho nampolieñe an-toe’e
eo; zay ty nanoe’ iareo handro an-kandro vaho nanonton-drala tsifotofoto. 12 Natolo’
i mpanjakay naho Iehoiada amo mpitoloñe am-pitoroñañe i anjomba’ IEHOVÀio zay
vaho nañarama mpandrafi-bato naho mpandranjy, hampisomontiañe i anjomba’
IEHOVÀy naho mpanefe viñe vaho torisike hikotokotok’ añ’ anjomba’ IEHOVÀy. 13 Aa
le nifanehake o mpitoloñeo naho nifonitse am-pità’ iareo i asay naho nifonire’ iareo
manahake te taolo i anjomban’ Añaharey vaho nañafatratse aze. 14 Ie nifonitse le
nendese’ iareo añatrefa’ i mpanjakay naho Iehoiada eo o drala tsy nirì’eo vaho ie
ty nitsenea’ iareo fanake ho a i anjomba’ IEHOVÀy, fana-pitoroñañe naho fañengañe
naho fìoke naho fanake volamena naho volafoty vaho nañenga soroñe añ’ anjomba’
IEHOVÀ ao nainai’e tañ’ andro’ Iehoiadà.
15 Fe nigain-kantetse t’Iehoiada ie ni-lifots’ andro le nivilasy; zato-tsi-telopolo taoñe
t’ie nihomake. 16 Le nalente’ iereo an-drova’ i Davide amo mpanjakao, ie nanao
soa am’ Israele naho aman’ Añahare vaho amy anjomba’ey. 17 Ie añe ty nihomaha’
Iehoiada le nomb’ amy mpanjakay o roandria’ Iehodao niambane ama’e; vaho hinao’
i mpanjakay. 18 Le nadò’ iareo i anjomba’ IEHOVÀ Andrianañaharen-droae’ iareoy
naho nitoroñe o Aserào naho o raham-pahasiveo vaho nifetsak’ am’ Iehoda naho am’
Ierosalaime ty haviñerañe ty amy hakeo zay. 19 Nampihitrifañe mpitoky hampipoly
iareo mb’am’ IEHOVÀ, aa ndra t’ie nitolom-pitaroñe tsy nimete nanolo-ravembia iereo.
20 Aa le niheo amy Zekarià, ana’ Iehoiada mpisoroñe t’i Arofon’ Añahare naho
nijohañe am’ondatio nanao ty hoe: Hoe ty tsaràn’ Añahare: Akore ty fandilara’
areo o lili’ IEHOVÀo?* Tsy hiraorao; aa kanao naforintse’ areo t’IEHOVÀ le nifarie’e ka
nahareo. 21 Fe nikinia aze iereo vaho nametsaham-bato an-kiririsan’ anjomba’ IEHOVÀ
eo ami’ty nandilia’ i mpanjakay. 22 Aa le tsy nitiahi’ Ioase mpanjaka ty fitretreza’
Iehoiada rae’e aze, te mone vinono’e i ana-dahi’ey, ze nanao ty hoe amy fitsingoro’ey:
Ho vazoho’ IEHOVÀ vaho ho valè’e. 23 Aa ie amy fivariña’ i taoñey, naname aze ty
valobohò’ i Arame; nimb’ e Iehoda naho mb’e Ierosalaime mb’eo le zinevo’ iereo

* **24:20** Mik 3:8, Jao 16:8

am'ondatio o mpiaolo' ondaty iabio vaho fonga nahitri' iareo amy mpanjaka' i
Damesèkey añe ty nikopahe' iereo. 24 Toe am-pirimboña' ondaty tsy ampeampe i
valobohòn' Aramey te naname, fa natolo' IEHOVÀ am-pità'e ty valobohòke jabajaba
amy t'ie namorintseñe IEHOVÀ Andrianañaharen-droae' iareo. Aa le nametsa-jaka
amy Ioase iereo, 25 naho nieng' aze naho fa navoretra' iareo am-pere, le nikilily aze o
mpitoro'eo ty amy lio' i ana' Iehoiada mpisoroñeiy naho vinono' iareo am-pandrea'e
eo, nikoromake; vaho naleveñe an-drova' i Davide ao, fe tsy nalentek' amo kiborim-
panjakao. 26 I Zabade, ana' i Simeate, nte-Amone naho Iehozabade ana' i Simerite,
nte-Moabe ty nikilily aze. 27 Aa naho o ana'eo naho ty fitoabora' o fetse ama'eo vaho
ty nampisomontie'e i anjomban' Añaharey, oniño te sinokitse an-talily fonitse amy
boke' o mpanjakaoy. I Amatsià ana'e ty nandimbe aze nifehe.

# 25

1 Roapolo taoñe lim' amby t'i Amatsià te niorotse nifehe, le nifehe roapolo taoñe
sive amby e Ierosalaime ao. Iehoadane nte-Ierosalaime ty tahinan-drene'e. 2 Nanao
soa am-pivazohoa' IEHOVÀ eo re, fe tsy an-kaampon' arofo. 3 Aa, ie vata'e nifejañe i
fifehea'ey, le vinono'e i mpitoroñe nañoho-doza aman-drae'e rey, 4 fe tsy vinono'e
o ana'eo ie nanao ze sinokitse amy Hake, amy boke' i Mosey, amy lili' IEHOVÀ ty
hoe: Tsy havetrake ty amo ana'eo o roae'eo vaho tsy havetrake ty aman-droae'e o
ana'eo, fa songa hivetrake ty amo hakeo'eo. 5 Mbore natonto' i Amatsià t'Iehoda naho
nanoe'e mpifelek' arivo naho mpifele-jato ty aman' anjomban-droae'e, le nitsitsife'e
t'Iehodà naho i Beniamine namolily o roapolo taoñe mañamboneo, nitendreke te telo
hetse t'indaty nilefe, nahafionjoñe mb'añ'aly naho nahatan-defoñe vaho fikalañe.
6 Nikarama'e ka ty fanalolahy mahasibeke rai-hetse boake Israele ao ami'ty talenta
volafoty zato. 7 Fe niheo ama'e mb'eo ty ondatin' Añahare nanao ty hoe: Ry
mpanjaka, ko ampindrezeñe ama'o i firimboña' Israeley, ie tsy am' Israele t'IEHOVÀ
vaho tsy mpiaman-dra iaia amo ana' i Efraimeo. 8 Aa naho mb'eo rehe, le ano!
mihafatrara an-kotakotake tsy mone hampitsingoritrien' Añahare aolo' o rafelahi'oo;
fa aman' Añahare ty haozarañe, ke hañolotse he handrotsake. 9 Le hoe t'i Amatsià
am'indatin' Añaharey. Aa vaho atao'ay akore i talenta zato natoloko amy firimboña'
Israeley? Le hoe ty natoi' indatin' Añaharey, Mahafanolotse maro mandikoatse zay
t'IEHOVÀ. 10 Aa le nampolie' i Amatsià o lahindefoñe nimb' ama'e boak' Efraimeo;
fe nisolebotse am' Iehodà ty haboseha' iareo vaho nimpoly am-piforoforoañe. 11 Aa
le nihafatrarem-batañe t'i Amatsià, le niaoloa'e ondati'eo naho nimb'am-bavatanen-
tsira mb'eo vaho zinama'e ty rai-ale amo ana' i Seireo.

12 Tsinepa' o ana' Iehodao ka ty rai-ale veloñe, le nasese' iereo mb' ambone
teva, le naherer etsa' iareo boak' ambone' i herakerakey vaho nifoifoy. 13 Nivolose'
i firimboñan-dahindefoñe nampolie' i Amatsià tsy hionjoñe mb'an-kotakotakey o
rova' Iehodà boake Somerone pake Betekoroneo naho nanjamañe ty telo arivo am'
iereo vaho nampikopake vara maro.

14 Ie nimpoly amy nanjamana'e o nte-Edomeoy t'i Amatsià, le nendese'e o ndrahare'
o ana' i Seireo le natroa'e ho 'ndrahare'e vaho nibokobokoa'e naho nañoroa'e
emboke. 15 Aa le nisolebotse amy Amatsià ty haviñera' IEHOVÀ, le nañiraha'e mpitoky
nanao ty hoe, Ino ty nipaia'o o ndrahare' ondaty tsy naharombake ondati'eo am-
pità'oo? 16 Ie nisaontsia'e i entañe zay le hoe re tama'e: Tinendre ho mpanolo-
kevem-panjaka v'iheo? Mifoneña; akore te ihe ho lafaeñe? le nijihetse i mpitokiy
vaho nanao ty hoe: Apotako te sinafirin' Añahare ty handrotsake azo, amy te nanoe'o
o raha zao vaho tsy hinao'o i natorokoy.

17 Nandrambe hevetse amy zao t'i Amatsià, mpanjaka' Iehoda vaho nampañitrike
mb'am' Ioase, ana' Iehoahaze, ana' Ieho, mpanjaka' Israele ty hoe: Mb' etoan-
drehe hifañatrefan-tika laharañe. 18 Le nampisangitrife' Ioase mpanjaka' Israele
amy Amatsià mpanjaka' Iehoda ty hoe: Nahitri' ty hisatse e Libanone añe amy
mendoraveñe e Libanoney ty hoe: Atoloro amy ana-dahikoy i anak' ampela'oy ho
vali'e. Fe niary eo o bibi-li' i Libanoneo nandialia i hisatsey. 19 Manao ty hoe rehe,
te, Ingo, fa linafako t'i Edome; aa le mitoabotse añ' arofo ao rehe, mibohaboha; fe
imoneño ty akiba'o; ino ty hikaiha'o ty joy, hikorovoke, ihe naho Iehoda mindre
ama'oy? 20 Fe tsy hinao' i Amatsià, fa boak' aman' Añahare i rahay, hanolora'e
am-pitàn-drafelahi' iareo, ie nipay o 'ndrahare' Edomeo. 21 Aa le nionjo mb'eo
t'Ioase mpanjaka' Israele; le nifañisa-daharañe, ie naho i Amatsià mpanjaka' Iehoda,
e Betesemese' Iehoda eo. 22 Le nikorovok' añatrefa' Israele eo t'Iehoda vaho
nitriban-day, songa mb' an-kiboho'e mb'eo; 23 naho rinambe' Ioase, mpanjaka' Israele
t'i Amatsià mpanjaka' Iehoda, ana' Ioase, ana' Iehoakase, e Betesemese ao naho
nendese'e mb'e Ierosalaime mb'eo vaho narotsa'e ty kijoli' Ierosalaime boak' an-
dalam-bei' i Efraime ey, pak'an-dalam-bein-kotsok'eo, kiho efa-jato. 24 Le tinava'e
iaby o volamena naho volafoty naho o fanake nizoeñe añ' anjomban' Añahare
amy Ovede-edome naho am-panontonam-bara' i anjombam-panjakaio naho ninday
ondaty an-drohy vaho nimpoly mb'e Somerone mb'eo. 25 Mbe niveloñe folo-taoñe
lim' amby tamy fivetraha' Ioase ana' Iehoakaze, mpanjaka' Israeley t'i Amatsià, ana'
Ioase, mpanjaka' Iehoda. 26 Aa naho o fitoloña' i Amatsià boak' am-baloha'e pak' am-
para'eo, tsy fa sinokitse amy bokem-panjaka' Iehoda naho Israeley hao? 27 Le nikinia
aze o e Ierosalaimeo ty amy nitoliha' i Amatsià tsy hañorike IEHOVÀy, ie nipitsike mb'e
Lakise mb'eo, fe nañirahañe e Lakise añe vaho vinono ao. 28 Nendeseñe an-tsoavala
vaho naleveñe aman-droae'e an-drova' Iehoda ao.

# 26

1 Rinambe' o hene ondati' Iehodao t'i Ozià, ie ni-folo-tao-eneñ' amby, le nanoe'
iereo mpanjaka handimbe an-drae'e Amatsià. 2 Namboare'e t'i Elote vaho nahere'e
am'Iehoda, ie fa nirotse aman-droae'e i mpanjakay. 3 Folo-taoñe eneñ' amby t'i Ozià
te niorotse nifehe, le nifehe limampolo-ro' amby taoñe e Ierosalaime ao. Iekolià
nte-Ierosalaime ty tahinan-drene'e. 4 Le nanao ty fahiti'e am-pivazohoa' IEHOVÀ
manahake ty nanoen-drae'e Amatsiày. 5 Nitolom-pipay an' Andrianañahare re tañ'
andro' i Zekarià, le nampahihits' aze o aroñaron' Añahareo; vaho nampiraoraoen'
Añahare amo hene andro nipaia'e IEHOVÀo. 6 Le nionjomb'eo re nialy amo nte-
Pelistio, le rinoba'e ty kijoli' i Gate naho ty kijoli' Iabnè naho ty kijoli' Asdode
vaho namboare'e rova mañohoke i Asdode añivo' o nte-Pelistio. 7 Le nañolotse aze
amo nte-Pelistio naho amo nte-Arabe nimoneñe e Gorbaaleo naho amo nte-Mehoneo
t'i Andrianañahare. 8 Le nañenga rorotse amy Ozià o nte-Amoneo; vaho niboele
mb'eo mb'eo ty tahina'e pak' am-pimoahañe e Mitsraime añe, amy te ra'elahy
ty hafatrara'e. 9 Mbore namboatse fitalakesañ' abo e Ierosalaime ao t'i Ozià amy
lalambein-kotsokey naho amy lalambeim-bavataney naho amy lalambein-kotsokey
vaho nihafatrare'e. 10 Niranjie'e fitalakesañ' abo ka ty an-dratraratra añe naho
nihaly vovoñe maro, ie aman-kare maro, ndra an-tane kepak' ao, ndra a montoñe
ao, naho mpiarake naho mpañalahala vahe am-bohitse ao naho e Karmele añe, fa
nitea'e ty nitolon-tane. 11 Toe nanan-dahindefoñe t'i Ozià, mpionjomb' añ'aly am-
pirimboñañe ty ami'ty ia' nilahare' Ieiele mpanokitse naho i Maaseià mpitoloñe,
ambanem-pità' i Kananià, raik' amo mpifehe' i mpanjakaio. 12 Ty ia' o hene talèn'
anjomban-draeo, o fanalolahy nahasibekeo, le ro'arivo-tsi-enenjato. 13 Ambanem-
pità' iareo ty valobohòm-pialy naòke, telo-hetse-tsi-fito-arivo-tsi-liman-jato, ty mpialy
an-kafatrarañe, hañolotse i mpanjakay amy rafelahiy. 14 Nihentseñe fikalan-defoñe

naho lefoñe naho aron-doha naho sarimbo viñe tinenoñe naho fale vaho vato-piletse
ho a iareo, toe ho a i valobohòkey, t'i Ozià. 15 Nandranjia'e masina t'Ierosalaime, sata'
ondaty mahimbañe, amo fitalakesañ' aboo naho an-kotsoke ey, ho fampihiririñañe
ana-pale naho vato jabajaba. Le niboele tsietoitane añe ty tahina'e, amy t'ie noloreñe
soa am-para' te naozatse.
16 Ie naozatse, le nientatse ty arofo'e ho ami'ty fandrotsahañ' aze ie nandilatse amy
IEHOVÀ Andrianañahare'e; amy t'ie nimoake an-kiboho' IEHOVÀ ao hañembok' amy
kitrelim-pañembohañey. 17 Nañorik' aze ao t'i Azarià mpisoroñe reketse ty mpisoro'
IEHOVÀ valompolo, ondaty mahasibeke; 18 le natretrè' iareo t'i Ozià mpanjaka, nanao
ty hoe ama'e: Tsy ihe, ry Ozià, ty mañembok' am' IEHOVÀ fa o mpisoroñe ana' i
Aharone norizañeo ro hañemboke; iavoto o toetse masiñeo, fa nandilatse; ie tsy
hañonjoñ' azo amy IEHOVÀ Andrianañahare. 19 Niforoforo amy zao t'i Ozià, ie
am-pità'e eo ty fañembohañe hañemboha'e, le niloroloroa'e i mpisoroñe rey fe
niboak' an-kandri'e eo ty angamae, añ'atrefa' i mpisoroñe rey, añ' ila' i kitrelim-
pañembohañey, añ' anjomba' IEHOVÀ ao. 20 Hene niisa' i Azarià mpisorom-bey naho
i mpisoroñe rey, te inge, niangamae an-dahara'e eo, le naronje' iareo boak' ao ami'ty
manao zao; eka toe nihitrihitry t'ie niavotse, amy nandafa' IEHOVÀ azey. 21 Niangamae
am-para' ty andro nivetraha'e t'i Ozià mpanjaka, le nimoneñe an-traño navik' ao amy
haangamae'ey; ie naitoañ' amy anjomba' IEHOVÀy; le nifehe ty anjombam-panjaka
t'Iotame ana'e, nizaka ondati' i taneio. 22 Ty ila' o fitoloña' i Ozià, boak' am-baloha'e
pak' am-para'eo le sinoki' Iesaià mpitoky, ana' i Amotse. 23 Aa le nitrao firòtse aman-
droae'e t'i Ozià; le nalente' iareo marine an-droae'e an-tanem-pandeveñam-panjaka;
fa hoe iereo, Angamae re. Le nandimbe aze nifehe t'Iotame, ana'e.

## 27

1 Niroapolo taoñe lim' amby t'Iotame te niorotse nifehe, le nifehe folo-taoñe eneñ'
amby e Ierosalaime ao; Ierosà, ana' i Tsadoke, ty tahinan-drene'e; 2 le nanao ty fahiti'e
am-pihaino' IEHOVÀ, an-tsatan-drae'e Ozià iaby; f'ie tsy nimoak' an-kiboho' IEHOVÀ
ao. Fe mbe nitolon-kaloloañe avao ondatio. 3 Namboare'e ty lalambey ambone' i
anjomba' IEHOVÀy, le natratrañahe'e ty kijoli' i Ofele. 4 Mbore namboare'e rova am-
bohibohi' Iehoda añe naho toetse fatratse reke-pitalakesañ'abo añ'àla ao. 5 Nialia'e
i mpanjaka' o ana' i Amoneoy vaho nahareketse. Nandroroñe talenta volafoty zato
ama'e amy taoñey o ana' i Amoneo naho fañaranam-bare-bolè rai-ale naho vare-
hordea rai-ale. Mira amy zay ty nandroroña' o ana' i Amoneo aze amy taom-paharoe
naho taom-pahateloy. 6 Aa le nihafatratse t'Iotame, amy te nalaha'e añatrefa' IEHOVÀ
Andrianañahare'e o lia'eo. 7 Aa naho o fitoloña' Iotame ila'eo, o ali'e iabio naho o
sata'eo, oniño te sinokitse amy bokem-panjaka' Israele naho Iehodày. 8 Roapolo taoñe
lim' amby re te niorotse nifehe le nifehe folo taoñe eneñ'amby e Ierosalaime ao. 9 Le
nitrao-piròtse aman-droae'e naho nalenteke an-drova' i Davide ao vaho nandimbe
aze nifehe t'i Ahkaze ana'e.

## 28

1 Roapolo taoñe t'i Ahkaze te niorotse nifehe; le nifehe folo taoñe eneñ' amby
e Ierosalaime ao; fe tsy nanao ty fahiti'e am-pihaino' IEHOVÀ manahake ty rae'e
Davide; 2 te mone nitsontik' an-dala' o mpanjaka' Israeleo vaho nandranjy sare
trinanake ho amo Baaleo, 3 mbore nañembok' am-bavatanen' ana' i Hinome ao
naho noroa'e añ'afo ao o ana'eo, ty amy haloloa' o kilakila' ondaty rinoa' IEHOVÀ
añatrefa' o ana' Israeleoo. 4 Le nanoe'e soroñe vaho nañenga amo tambohoo naho
ankaboañe eo naho ambane' ze hatae mandrevake iaby. 5 Toly ndra natolo' IEHOVÀ
Andrianañahare'e am-pitàm-panjaka' i Aramey; le linafa' iareo, le nasese an-drohy

ty ondati'e tsifotofoto, nente' iereo mb'e Damesèke mb'eo. Natolotse am-pitàm-
panjaka' Israele ka re, ze nandafa aze am-pizamanam-bey.

6 I Pekà ana' i Remalià ty nanjamañe rai-hetse-tsi-ro'ale ami'ty andro raike, songa
ondaty mahasibeke; amy t'ie namorintseñe IEHOVÀ Andriananañaharen-droae' iareo.
7 Le i Zikrý, fanalolahi' i Efraimey ty nanjevoñe i Maaseià ana' i mpanjakay naho
i Azrikame, mpifehe' i anjombay naho i Elkanà mpiamy mpanjakay. 8 Le nasese'
o ana' Israeleo mb'eo an-drohy ty roe-hetse amo rahalahi'eo: rakemba naho ana-
dahy naho anak' ampela vaho nitavañe vara tsifotofoto am' iereo, le nente' iereo
mb'e Somerone añe i kinopakey. 9 Fe teo ty mpitoki' IEHOVÀ, i Ovede ty tahina'e,
niavotse naho nifanalaka amy valobohòke nimb'e Somerone mb'eoy, le nanoa'e ty
hoe: Inao, niviñera' IEHOVÀ Andriananañaharen-droae' areo t'Iehoda, le nitolora'e am-
pità' areo, fe zinama' areo an-kabosehañe nahatakatse an-dindiñe añe. 10 Ie amy zao ho
mipay hinday o ana' Iehodao naho Ierosalaime ambane' areo ho ondevo lahy naho
ondevo ampela; fe tsy ama' areo ao hao ty aman-kakeo amy IEHOVÀ Andriananañahare'
areo? 11 Aa le janjiño raho, ampolio o mpirohy narohi' areo amo longo' areoo; fa
miforoforo ama' areo ty haviñera' IEHOVÀ. 12 Niongake hiatreatre o niavy boak'
amy aliio amy zao ty mpiaolo' i Efraime ila'e, i Azarià ana' Iehonàne naho i Berekià
ana' i Mesilemote naho Iekizkià ana' i Salome naho i Amasa ana' i Hadlay, 13 vaho
nanao ty hoe am' iereo, Ko endese' areo mb'etoa o narohio; ie mipay hanaña'
IEHOVÀ tahiñe tika, hanovoñe o hakeo naho tahin-tikañeo; fa ra'elahy o hakeon-
tikañeo vaho haviñerañe miforoforo ty am' Israele. 14 Aa le napo' o lahindefoñeo
añatrefa' o roandriañeo naho i fivoribey iabiy o an-drohio naho i kinopakey. 15 Le
niongake i niantoñoñe an-tahinañe rey nandrambe o an-drohio naho nangalak'
amo kinopakeo hampisikina' iareo o tsi-antsaroñe am' iereoo naho nampisaroñe'
iareo naho nañombean-kana naho nanjotsoañe mahakama naho rano naho hinoso'
iareo menake naho najo' iareo am-borìke o maleme am' iereoo naho nendese' iareo
mb'e Ieriko, i rovan-tsatrañey, mb' aman-drolongo' iareo añe vaho nimpoly mb'e
Somerone mb'eo.

16 Nampañitrik' amo mpanjaka' i Asoreo amy zao t'i Ahkaze mpanjaka nipay imba,
17 amy te pok' eo indraike o nte-Edomeo nandafa Iehoda vaho ninday mpirohy
añe. 18 Naname o rova an-tane petrakeo naho o atimo' Iehodao o nte-Pelistio, le
rinambe' iareo ty Betesamese naho i Aiialone naho i Gederote naho i Soko rekets'
o tanà'eo naho i Timnà rekets' o tanà'eo naho i Gimzo rekets' o tanà'eo vaho
nimoneñe ao. 19 Toe nafotsa' IEHOVÀ t'Iehoda ty amy Ahkaze mpanjaka' Israele*;
ie nampanaña'e tahiñe Iehoda vaho vata'e niola amy IEHOVÀ. 20 Nimb' ama'e mb'eo
t'i Tilgatepilnesere, mpanjaka' i Asore, f'ie namorekeke aze fa tsy nampaozatse. 21 Aa
ndra te nangalà' i Ahkaze añ' anjomba' IEHOVÀ ao naho añ'anjomba' i mpanjakay
naho amo roandriañeo vaho natolo'e amy mpanjaka' i Asorey, tsy nolora'e. 22 Mbore
nanovoñe hakeo amy IEHOVÀ t'i Ahkaze mpanjaka amy hasotria'ey 23 amy te nanoa'e
soroñe amo 'ndrahare' i Damesèke nandafa azeo, ami'ty hoe: Kanao mañolotse
o mpanjaka' i Arameo o ndrahare' iareoo, le hanoako soroñe ka hañolora' iareo
ahy. Fe nampianto aze naho Israele iaby zay. 24 Le natonto' i Ahkaze o fanak' añ'
anjomban' Añaharo, le tsineratsera'e o fana' i anjomban' Añahareio naho narindri'e
o lalambein' anjomba' IEHOVÀo; vaho nandranjy kitrely ho am-bata'e an-kotso'
Ierosalaime iaby. 25 Le nanoa'e toets' abo ze hene' rova' Iehoda, hañenga amo
ndrahare ila'eo, hanigike IEHOVÀ Andriananañaharen-droae'e. 26 Ty ila' o fitoloña'eo
naho o sata'e iabio, ty valoha'e naho ty fara'e, inao t'ie misokitse amy bokem-panjaka'
Iehoda naho Israeley. 27 Le nitrao-piròtse aman-droae'e t'i Ahkaze naho nalenteke

* **28:19** Toe Iehoda, fanoe' i Fian.II

an-drova ao, toe e Ierosalaime ao; fa tsy nitakone' iareo mb'amo kiborim-panjaka'
Israeleo; Iekizkia ana'e ty nandimbe aze nifehe.

# 29

1 Ni-roapolo taoñe lim' amby t'Iekizkia te niorotse nifehe, le nifehe roapolo taoñe
sive amby e Ierosalaime ao: i Abiià ana' i Zekarià ty tahinan-drene'e. 2 Le nanao
ty fahiti'e am-pihaino' Iehovà, manahake ze he'e nanoe' i Davide rae'e. 3 Ie amy
taom-baloham-pifehea'ey, amy volam-baloha'ey, le sinoka'e o lalambein' anjomba'
Iehovào vaho nisomontie'e. 4 Nampiheove'e ao o mpisoroñeo naho o nte-Levio, le
natonto'e ho raik' amy toetse mangadagadañe atiñanañey, 5 vaho nanoa'e ty hoe,
Mijanjiña ahy ry nte-Levio, mampiavaha vatañe henaneo, le ampiavaho ty anjomba'
Iehovà Andrianañaharen-droae' areo vaho ondroho boak' an-toetse miavake ao
ze atao leotse. 6 Fa nikitro-karatiañe naho nanao haloloañe am-pihaino' Iehovà
Andrianañaharentikañe o roaentikañeo naho naforintse' iereo naho nitoli-daharañe
vaho tsinambolitio' iereo ty fimoneña' Iehovà. 7 Mbore narindri' iareo o lalambein-
davarangañeo naho nakipeke o failoo naho tsy nañemboke, tsy nañenga soroñe
aman' Añahare' Israele amy toetse masiñey. 8 Toly ndra nifetsak' am' Iehoda
naho am' Ierosalaime ty haviñera' Iehovà, le natolo'e ho fangebahebahañe naho
halatsañe naho fikosihañe, manahake o isam-pihaino' areoo. 9 Hehe te nakoròvom-
pibara o roaen-tikañeo naho am-pandrohizañe añe o ana-dahintikañeo naho o anak'
ampelan-tikañeo vaho o tañanjomban-tikañeo, ty amy zay. 10 Aa le an-troko ao
henaneo ty hifañina am' Iehovà Andrianañahare' Israele, hampihankañe aman-tika
i haviñera'e miforoforoy. 11 O ry anako, ko mihenekeneke henaneo; fa jinobo' Iehovà
nahareo hijohañe añatrefa'e, hiatrak' aze naho ho mpitoro'e vaho hañembok' ama'e.

12 Niongak' amy zao o nte-Levio, i Makate, ana' i Amasay naho Ioele ana' i Azarià
amo ana' o nte-Kehàteo; le amo ana' i Merario: i Kise, ana' i Abdý naho i Azarià
ana' Iehalelale; le amo nte-Gersoneo, Ioak' ana' i Zimà naho i Edene ana' Ioake; 13 le
amo ana' i Elitsafaneo; i Simrý naho Ieiele; le amo ana' i Asafeo; i Zekarià naho i
Matanià; 14 le amo ana' i Hemaneo; Iehiele naho i Simey; vaho amo ana' Iedotoneo,
i Semaià naho i Oziele. 15 Le navori' iareo o roahalai'eo, le nañamasim-batañe vaho
nimoak' ao, ty amy lili' i mpanjakay ty amo tsara' Iehovào, hañalio ty anjomba'
Iehovà. 16 Nizilik' amy toetse añate' i anjomba' Iehovày o mpisoroñeo, hañalio
aze, le nakareñe ze fonga leotse nizoe' iereo an-kiboho' Iehovà ao mb' an-kiririsan'
anjomba' Iehovà ey, le rinambe' o nte-Levio naho nandese'e mb' an-torahan-Kidrone
añe. 17 Aa ie niorotse nampiavake amy androm-baloha' i volam-baloha'eiy, le pok'
amy lavaranga' Iehovày iereo amy androm-pahavalo' i volañeiy; le valo andro ty
nampiavahe' iereo ty anjomba' Iehovà; vaho nifonire' iareo amy andro faha folo-
eneñ' ambi' i volam-baloha'eiy. 18 Aa le niheo mb'am' Iekizkia mpanjaka mb'eo iereo,
nanao ty hoe: Fa niliove'ay iaby ty anjomba' Iehovà naho i kitrelim-pisoroñañey
naho o fana'e iabio naho i lataba' o mofo-piatrekeoy vaho o fana'e iabio. 19 Mbore
nivaoe'ay naho navahe'ay o fanake iaby nahifi' i Ahkazeo, ie nanao haloloañe amy
fifehea'ey; le oniño t'ie fa aolo' i kitreli' Iehovày.

20 Nañaleñaleñe t'Iekizkia, mpanjaka nanontoñe o roandria' i rovaio vaho
nionjomb' amy anjomba' Iehovà mb'eo, 21 le ninday bania fito naho añondrilahy
fito naho vik' añondry fito vaho oselahy fito ho fañeferan-kakeo' i fifeheañey naho
i toetse masiñey vaho Iehodà. Le linili'e o mpisoroñeo, o ana' i Aharoneo, t'ie
hengaeñe amy kitreli' Iehovày. 22 Aa le linenta' iareo i bania rey naho rinambe'
o mpisoroñeo ty lio'e, le nadasi' iereo amy kitreliy; le linenta' iereo i añondrilahy
rey naho nadasi' iereo amy kitrelio ty lio'e; linenta' iareo ka i vik'añondry rey vaho
nadasi' iareo amy kitreliy ty lio'e. 23 Le nañarivoe' iereo i oselahy rey ho ami'ty

fañeferan-kakeo, añatrefa’ i mpanjakay naho i fivoriy, le nanampeza’ iareo fitañe;
24 naho linenta’ o mpisoroñeo le nanao fañeferan-kakeo ambone’ i kitreliy amy lio’ey,
hañeferañe Israele iaby; fa linili’ i mpanjakay te hanoeñe ho a Israele iaby i soroñey
naho i fañeferan-kakeoy. 25 Le nampijohañe’e añ’ anjomba’ Iehovà ao o nte-Levio
reketse fikontsañañe naho jejo-bory vaho marovany ty amy lili’ i Davidey naho i Gade
mpioni’ i mpanjakay naho i Natane mpitokiy vaho toe lili’ Iehovà añamo mpitoki’eo.
26 Aa le nijohañe eo o nte-Levio rekets’ o fititiha’ i Davideo naho o mpisoroñeo
reketse trompetra. 27 Le linili’ Iekizkia te hengaeñe ambone’ i kitreliy i soroñey.
Aa ie namototse i fisoroñañey, le niorotse ka ty fisaboañe Iehovà an-trompetra
mitraoke amo fititiha’ i Davide mpanjaka’ Israeleo. 28 Le nibaboke i fivory iabiy naho
nitakasy o mpisaboo naho nitioke o mpampipopò trompetrao; vaho nitolom-panao
zay ampara’ te niheneke i fisoroñañey. 29 Ie nifonitse i fañengañey, le nidròdreke
vaho niambane i mpanjakay naho o mpiama’e iabio. 30 Mbore linili’ Iekizkia
mpanjaka naho o roandriañeo o nte-Levio ty hitakasy am’ Iehovà amo onin-tsabo’ i
Davide naho i Asafe mpioniñeo. Le nisabo fandrengeañe an-kaehake naho niandaly
vaho nitalaho. 31 Nampigadoñe’ Iekizkia, ami’ty hoe: Fa navahañe am’ Iehovà
nahareo henaneo; mañarinea le mibanabanà soroñe naho engam-pañandriañañe
mb’añ’anjomba’ Iehovà. Aa le nanese soroñe naho engam-pañandriañañe i fivoriy;
vaho ninday engan-koroañe o matarikeo. 32 Aa ty ia’ o soroñe nendese’ o fivorio
mb’eoo, le bania fitompolo naho añondrilahy zato vaho vik’ añondry roanjato;
hene hisoroñañe am’ Iehovà. 33 Le o enga navaheñeo: añombe enen-jato naho
añondry telo-arivo. 34 Fe tsy niampe ty mpisoroñe hañolitse o hisoroñañeo, aa le
nimbae’ o nte-Levy roahalahi’ iareoo, ampara’ te niheneke i fitoloñañey, ampara’
te nañamasim-batañe o mpisoroñe ila’eo; amy te nilombolombo’ o mpisoroñeo o
nte-Levio ami’ty havañonan’ arofo nampiavahem-batañe. 35 Nimaro o nisoroñañe
reketse i saboran’ engam-panintsiñañeio naho o enga-rano ho amo nisoroñañeo. Aa
le nijadoñe soa ty fitoroñañe añ’ anjomba’ Iehovà ao, 36 naho nandia taroba t’Iekizkia
naho ondaty iabio, ty amy nampihentseñan’ Añahare ho a’ondatio; amy te nitojeha
i nanoeñey.

# 30

1 Le nampañitrik’ am’ Israele naho Iehoda iaby t’Iekizkia, nanokitse taratasy amy
Efraime naho i Menasè, hañaveloa’ iareo mb’ añ’ anjomba’ Iehovà e Ierosalaime ao,
hañambeñe ty fihelañ’ ambone’ Iehovà, Andrianañahare’ Israele. 2 Fa nilahatse amo
roandriañeo naho amy fivoribei’ Ierosalaime iabiy t’Iekizkia te hambenañe ami’ty
volam-paha-roe’ i fihelañ’ amboney, 3 amy t’ie tsy nilefe amy andro’e, mbore tsy
niampe o mpisoroñe nampiavahem-batañeo vaho mbe tsy nifanontoñe e Ierosalaime
ao ondatio. 4 Nahity am-pihaino’ i mpanjakay naho amy fivory iabiy zay. 5 Aa le nafe’
iereo te ho tsitsifen-koike t’Israele, boake Beer-Sevà pake Dane, hampihovañe mb’e
Ierosalaime ao hañambeñe i fihelañ’ ambone am’ Iehovà, Andrianañahare’ Israeley,
amy t’ie mboe tsy nambenañe am-pivondronañe manahake i pinatetsey. 6 Aa le nimb’
eo o mpihitrikeo rekets’ i taratasi’ i mpanjakay naho o roandria’eoy, nanitsike Israele
naho Iehoda, ty amy nandilia’ i mpanjakay, nanao ty hoe: Ry ana’ Israele, mimpolia
am’ Iehovà, Andrianañahare’ i Avrahame, Ietsake naho Israele, hibaliha’e ama’ areo
nahapolititse am-pità’ o mpanjaka’ i Asoreo. 7 Ko mitsikombe an-droae’ areo naho
an-droahalahi’ areo niola am’ Iehovà, Andrianañaharen-droae’ iareo, kanao natolo’e
ho rotsaheñe; ie o isa’ areo henaneo. 8 Aa le ko mihagàn-katoke manahak’ an-droae’
areo; fe mamoea vatañe am’ Iehovà, le mimoaha amy toe-miavake nampiavaheñe ho
nainai’ey vaho toroño t’Iehovà Andrianañahare’ areo soa te hitolike ty haviñera’e
miforoforo. 9 Aa naho mimpoly amy Iehovà nahareo le ho tendreke fitretrezañe o

longo naho ana' areo nikozozoteñe añe an-drohio, naho himpoly mb'an-tane atoy; fa
matarike naho mpiferenaiñe t'IEHOVÀ Andrianañahare' areo vaho tsy hampitolihe'e
ty lahara'e naho impolia'areo. 10 Aa le nitoañeñe t'i Efraime naho i Menasè pake
Zebolone mb'an-drova an-drova o mpañitrikeo; fe nitohafañe amañ-inje naho kizake.
11 Fe eo ty nirè-batañe am'ondati' i Asere naho i Menasè vaho i Zeboloneo, le nimb'e
Ierosalaime mb'eo. 12 Le tam' Iehoda ka ty fitàn' Añahare nanolots' arofo raike ama'e
hañorike ty lili' i mpanjakay naho o roandriañeo ty amy tsara' IEHOVÀy.
13 Aa le tsifotofoto t'indaty nifanontoñe e Ierosalaime ao hañambeñe ty sabadidak'
i mofo-tsi-aman-dalivaey amy volam-paha-roey, valobohòke nitozantoza. 14 Niongake
le nafaha' iareo o kitrely e Ierosalaime ao naho nendese' iereo añe ka ze hene
kitrelim-pañembohañe vaho navokovoko' iareo an-torahan-Kidrone ao. 15 Linenta'
iareo amy andro faha-folo-efats'ambi' i volam-paharoey i vik' añondri' i fihe-
lañ'amboney, ie nisalatse o mpisoroñeo naho o nte-Levio naho nañamasim-batañe
vaho nanese engan-koroañe añ' anjomba' IEHOVÀ ao, 16 le nijohañe amo toetse
nalahatse ho a iareoo, ty amy Tsara' i Mosè 'ndatin' Añaharey; nafetsa' o mpisoroñeo
ty lio rinambe' iareo am-pità' o nte-Levio; 17 amy te nimaro amy fivoriy ty tsy nañefe-
batañe, le tamo nte-Levio ty lily handentàñe o vi' i fihelañ' amboneio hasolo ze hene
tsy nalio, hañeferañe iareo amy IEHOVÀ. 18 Toe maro t'indaty, àntsake o boak' Efraime
naho e Menasè naho e Isakare vaho e Zeboloneo ty tsy nahaefe-batañe, fe nikama'
iareo avao i fihelañ' amboney ndra t'ie tsy do'e amy pinatetsey, amy te nihalaly ho
a iareo t'Iekizkia ami'ty hoe: Hapò IEHOVÀ, abey 19 ze mamahatse ty arofo'e hipay
an' Andrianañahare; t'IEHOVÀ, Andrianañaharen-droae'e ndra t'ie tsy do'e ty amy
fañeferañe amy miavakey. 20 Hinao' IEHOVÀ t'Iekizkia le nijangañe'e ondatio.
21 Nanao i sabadida-mofo-tsi-amandalivaey fito andro an-kafaleam-bey o ana'
Israeleo e Ierosalaimeo vaho nandrenge IEHOVÀ handro an-kandro o mpisoroñeo
naho o nte-Levio, nisabo reketse fititihañe mangatsìñe amy IEHOVÀ. 22 Le nosihe'
Iekizkia an-tsaontsy o nte-Levy nahimbañe amy fitoroñañe IEHOVÀio. Aa le
songa nikama amy andro fito namantañañe rey ondatio naho nañenga sorom-
pañanintsiñe vaho nañandriañe IEHOVÀ, Andrianañaharen-droae' iareo. 23 Nilahare'
i valobohòkey amy zao t'ie mbe hambenañe andro fito ka; le nitana' iareo an-
kafaleañe i andro fito tovo'e rey. 24 Fa natolo' Iekizkia mpanjaka' Iehoda amy fivoriy
ty añombe arivo naho añondry fito arivo le nanolotse añombe arivo naho añondry
rai-ale amy fivoriy ka o roandriañeo; vaho maro bey ty mpisoroñe nañefe-batañe.
25 Le nirebeke iaby ty valobohò' Iehoda, miharo amo mpisoroñeo naho o nte-Levio
naho i valobohòke boake Israeley naho o renetane boak' an-tane' Israeleo vaho o
mpimoneñe e Iehodào. 26 Aa le nitoabotse ty hafaleañe e Ierosalaime ao; amy te
sikal' amy andro' i Selomò ana' i Davide mpanjaka' Israeley tsy tama' Ierosalaime ty
nanahake zay. 27 Niongak' amy zao o mpisoroñe nte-Levio, nitata ondatio, le jinanjiñe
ty fiarañanaña' iareo; vaho nahatakatse i fimoneña'e masiñe añ'abo andindiñe añe,
ty halali' iareo.

# 31

1 Ie heneke zay, le niavotse mb' amo rova Iehodao mb'eo t'Israele niatrek' iabioo, le
pinozapozake o vatolahio naho nifiraeñe o hazomangao naho rineba' iareo ambane
o toets' aboo naho o kitrely e Iehodà naho e Beniamine iaby naho Efraime naho
e Menasèo ampara' te fonga rinotsake. Le nimpoly amy zao o ana' Israeleo, songa
mb'am-panaña'e, mb'an-drova'e añe. 2 Le nanendre firimboñam-pisoroñe naho nte-
Levy t'Iekizkia, sambe firimboñañe, songa fitoroñam-pisoroñe, naho o nte-Levio,
ho amo fisoroñañeo naho amo engam-panintsiñañeo, hitoroñe, hañandriañe naho
handrenge amo lalambein-tobe' IEHOVÀo. 3 Tinendre'e ka ty anjara' i mpanjakay

boak’ amo vara’eo ho amo fisoroñañeo: o enga-maraindraiñeo naho o soron-karivao
naho o soron-tSABATAO naho ho amo pea-bolañeo vaho ho amo andro namantañañeo,
ty amy pinatetse amy Ha’ IEHOVÀio. 4 Mbore linili’e o mpimone’ Ierosalaimeo ty
hanolotse ty anjara’ o mpisoroñeo naho o nte-Levio, hanolora’ iareo vatañe amy
tsara’ IEHOVÀy. 5 Aa ie niboele i liliy, le nampitobahe’ o ana’ Israeleo ty lohavoan’
ampemba, divay naho menake naho tantele naho ze hene voka’ i tetekey; vaho
natoba’ iareo ao iaby ty faha-folom-bara. 6 Nasese’ o ana’ Israele nimoneñe amo rova’
Iehodaoo ty faha-folon’ añombe naho añondry naho ty faha-folon-draha navaheñe
ze navike ho am’ IEHOVÀ Andrianañahare’ iareo vaho napopoke am-pitoboroñañe.
7 Amy volam-pahateloy ty namotorañe o fitoboroñeo, le nihenefa’ iareo ami’ty volam-
pahafito. 8 Ie nioni’ Iekizkia naho o mpiaoloo o fitoboroñañeo le nandrenge IEHOVÀ
naho ondati’e Israeleo. 9 Nañontanea’ Iekizkia o mpisoroñeo naho o nte-Levio o
fitoboroñañeo, 10 le hoe t’i Azarià mpisorom-bey, hasavereña’ i Tsadoke, Mifototse
amy nanesea’ ondatio an-kiboho’ IEHOVÀ ao o engaoy, le nienen-kanen-jahay vaho
nanisa maro. Nitahie’ IEHOVÀ ondati’eo, le e hoek’eo o maro nahajao.

11 Aa le nafanto’ Iekizkia am’ iereo ty hañajary riha añ’ anjomba’ IEHOVÀ ao;
le hinajari’ iereo. 12 Le nampizilihe’ iereo ao o engao naho o fahafoloo naho o
raha nengaeñeo, le tsy nihilotse; vaho nampifeheañe i Konanià nte-Levy zay naho
i Simey rahalahi’e ty faharoe, 13 naho Iekiele naho i Azazià naho i Nakate naho i
Asaele naho Ieriemote naho Iozabade naho i Eliele naho Iismakiaho naho i Makate
vaho i Benaià ty nimpisary am-banem-pità’ i Kononià naho i Simey rahalahi’e,
ty amy fanendrea’ Iekizkia mpanjakay vaho nimpifehe i anjomban’ Añaharey
t’i Azarià. 14 Le i Kore ana’ Imnà nte-Levy, i mpiamben-dalañe maniñanañey,
ty nifehe o engan-tsatrin’ arofo aman’ Añahareo hanjarà’e o enga amy IEHOVÀo
naho o miava-do’eo. 15 Le am-pità’e t’i Edene naho i Miniamine naho Iesoa
naho i Semaià, i Amarià vaho i Sekanià amo rovam-pisoroñeo, ty hanolotse am-
pigahiñañe amo rahalahi’ iareoo ty amo firimboña’ iareoo, ty bey mira ami’ty kede;
16 mandikoatse o volilieñe amy fanoñonañe lahilahy telo taoñe mañamboneo, le o
mizilik’ añ’anjomba’ IEHOVÀo, songa fitoloña’e boak-andro itoroña’e amy nandiliañe
azey, Vaho sindre firimboñañe; 17 naho namolily mpisoroñe am-panoñonan-droae,
sambe anjomban-drae, naho o nte-Levio, ze ana-dahy roapolo taoñe mañambone,
songa fitoloña’e sindre firimboña’e. 18 ie nivolilieñe am-panoñonan-drae e amo
anak’ajaja’e iaby, amo vali’e naho ana-dahy vaho anak’ampela, ho amy fivori-bey
iabiy, fa am-pigahiñañe ty niavaha’iereo ho am-piavahañe do’e. 19 Amo ana’ i
Aharone mpisoroñe an-tanem-piandraza’ o rova’ iareoo naho amo rova iabio, le teo
ty ondaty kinanjy hiantoñoñe an-tahinañe hanolorañe anjara’ amy ze lahilahy amo
mpisoroñeo toe ze hene’ nivolilieñe ty amy fanoñona’e amo nte-Levio. 20 Nitsitsihe’
Iekizkià e Iehodà zay vaho nanoe’e ty soa naho ty mahity vaho vantañe añatrefa’
IEHOVÀ Andrianañahare’e. 21 Ze fitoloñañe nifotora’e am-pitoroñañe añ’ anjomban’
Añahare naho amy Hake naho amo fepetseo, le nipaia’e t’i Andrianañahare’e naho
nanoe’e añ’ añoñ’ arofo vaho niraorao.

# 32

1 Ie añe i fitoloñañe naho figahiñañe zay, le pok’ eo t’i Senakeribe mpanjaka’
i Asore naname Iehodà le nañarikatoke o rova fatratseo vaho naereñere’e ty
hiboroboñak’ ao am-bata’e. 2 Aa ie nioni’ Iekizkia te pok’ eo t’i Senakeribe, misafiry
ty hialy am’ Ierosalaime, 3 le nilahatse amo roandriañeo naho amo fanalolahio ty
hamempeañe o rano migoangoañe alafe’ i rovaio vaho nañolots’ aze iereo. 4 Aa le
maro t’indaty nivory nampizenjeñe o rano migoangoañeo naho i torahañe niranga
i taney, ami’ty hoe: Aa vaho homb’ etoa hao o mpanjaka’ i Asoreo hañisake rano

maro? 5 Nañosi-batan-dre namboatse i nirobak' amy kijoliy naho nampitroatse
fitalakesañ' abo ama'e naho i kijoly alafe'ey naho nifatrare'e ty Milo* an-drova' i
Davide ao vaho niranjie'e fialiañe naho aron-defo tsifotofoto. 6 Le nampijadoña'e
am'ondatio ty mpiaolo añ'aly naho nampivoria'e an-tane midañadaña an-dalambei'
i rovay vaho nisaontsy fañosihañe am' iereo ami'ty hoe: 7 Mihafatrara naho
mahasibeha, ko hembañe, ko miroreke amy mpanjaka' i Asorey, ndra i valobohòke
mindre ama'ey, amy te bey i aman-tikañey ta i ama'ey; 8 fitañe nofotse ty ama'e;
fe aman-tika t'IEHOVÀ Andrianañaharentika hañolotse an-tika naho hialy amo
hotakotan-tikañeo. Le nampanintsiñe ondatio ty enta' Iekizkia mpanjaka' Iehoda.

9 Ie añe le nampihitrife' i Senakeribe mpanjaka' i Asore mb'e Ierosalaime—ie
niatreatre i Lakise henane zay rekets' i valobohòn-dahin-defo'ey—mb' amy Iekizkia
mpanjaka' Iehoda naho mb'e Iehoda vaho Ierosalaime mb'eo o mpitoro'eo nanao
ty hoe: 10 Hoe t'i Senakeribe mpanjaka' i Asore: Ino ty iatoa' areo kanao ifeaha'
areo ty fañarikatohañe Ierosalaime. 11 Tsy Iekizkia hao ty mamañahy anahareo,
hanolora' areo vatañe hampivetrahe' ty kerè naho ty harandrano, ami'ty hoe: IEHOVÀ
Andrianañaharen-tika ty hamotsotse antika am-pità' i mpanjaka' i Asorey? 12 Tsy
Iekizkiay hao ty nañafake o tamboho'eo naho o kitreli'eo vaho nandily Iehoda naho
Ierosalaime ami'ty hoe; Añatrefa' ty kitrely raike ty hitalahoa' areo, le ama'e ty
hisoroña' areo? 13 Tsy fohi' areo hao o nanoeko naho o roaeko amo hene' ondaty
an-taneoo? Ia amo 'ndrahare' o kilakila' ondatioo ty naharombake i tane' iareoy
an-tañako? 14 Ia amo fonga 'ndrahare' o kilakila' ondaty nifongoren-droaekoo ty
naharombake ondati'eo an-tañako, te haharombak' anahareo an-tañako ka t'i An-
drianañahare' areo? 15 Ie amy zao, ko apo' areo ho sigìhe' Iekizkia, ndra ho risihe'e
an-tsata inoñe, ko iantofañe; fa tsy eo ze o ndraharem-pifeheañe ndra fifelehañe
naharombake ondati'eo an-tañako naho am-pitàn-droaeko zao; somandrake te tsy
haharombak' anahareo an-tañako t'i Andrianañahare' areo. 16 Mbe nanovoñ-inje
am' IEHOVÀ Andrianañahare naho niatreatre i mpitoro'e Iekizkiay o mpitoro'eo.
17 Nanokitse taratasy ka re nanigìke IEHOVÀ Andrianañahare' Israele naho nañabiañe
Aze, ami'ty hoe: Hambañe amy te tsy naharombake ondati'eo an-tañako o ndrahare'
o fifeheañe an-taneoo ro tsy haharombahan' Añahare' Iekizkia an-tañako ondati'eo.
18 Le nitazataza am-peo mafe ami'ty saontsin-te-Iehoda am' ondati' Ierosalaime
ambone' i kijoliio, hampirevendreveñe naho hañembañe, handrambesa' iareo i
rovay. 19 Le nampanahafe' iareo talily amo ndraharen-kilakila-ndati' ty tane toio,
o toe satam-pità' ondatio, t'i Andrianañahare' Ierosalaime. 20 Aa le zay ty nihalalia'
Iekizkia mpanjaka naho Iesaià mpitoky ana' i Amotse, an-toreo mb'an-dindiñ' añe.
21 Nañirak' anjely amy zao t'IEHOVÀ, nampaito o fanalolahy iabio naho o mpifeheo
naho o mpifeleke an-tobem-panjaka' i Asoreo. Aa le nimpoly an-kasalaran-daharan-
dre mb'an-tane'e mb'eo. Aa ie nimoak' an-trañon-drahare'e ao, le nanjevoñ' aze am-
pibara o nimoak' an-kova'eo. 22 Aa le rinomba' IEHOVÀ t'Iekizkia naho o mpimone'
Ierosalaimeo am-pità' i Senakeribe mpanjaka' i Asore naho am-pità' iareo iaby vaho
nañaro iareo añ'ariary. 23 Le maro ty ninday ravoravo mb'am' IEHOVÀ e Ierosalaime
ao naho raha fanjàka am' Iekizkia mpanjaka' Iehoda, ie nonjoneñe am-pahaisaha' o
kilakila'ondatio henane zay.

24 Natindry an-tihy fa heta'e t'Iekizkia tamy andro rezay le nihalaly amy IEHOVÀ
naho nanoiñe aze t'IEHOVÀ vaho tinolo'e viloñe. 25 Fe nifotetse amy hasoa nanoeñe
ama'ey t'Iekizkia, fa nitoabotse ty arofo'e le nivotrak' ama'e naho am'Iehodà vaho
am' Ierosalaime ty haviñerañe 26 Aa le nirèke amy fitoaborañ' arofo'ey t'Iekizkia,
ie naho o mpimone' Ierosalaimeo vaho tsy nifetsak' am' iereo ty haviñera' IEHOVÀ
tañ' andro' Iekizkia. 27 Nanam-bara naho asiñe ra'elahy t'Iekizkia; le namboare'e

* **32:5** Milo: Toe-patratse an-drova' i Davide

fañajàñe volafoty naho volamena naho vatosoa naho fampafiriañe naho fikalañe
vaho ze hene karazam-panake soa; 28 riha ho amo nivokareñeo, ty ampemba naho
divay vaho menake; naho lapalapa ho a ze hene karazan-kare naho mpirai-troke
vaho mpirai-lia. 29 Mbore nañoren-drova ho am-bata'e naho nanontoñe mpirai-
lia naho mpirai-troke tsifotofoto; fa nitoloran' Añahare vara bey. 30 Iekizkia ty
nanampe ty loha-rano' i Gihone vaho nampizotsoe'e mivantañe mañandrefa' i rova' i
Davidey. Le niraorao amo fitoloña'e iabio t'Iekizkia. 31 Fe o sorotà' i Bavele niraheñe
mb'ama'e mb'eo hañontane o halatsàñe nanoeñe amy taneioo, le nengan' Añahare
re hitsoha'e aze haharofoana'e ze hene añ'arofo'e ao. 32 Aa naho o fitoloña' Iekizkia
naho o fatariha'eo, oniño t'ie misokitse amy aroñaro' Iesaia mpitoky ana' i Amotsey
vaho amy bokem-panjaka' Iehodà naho Israeley. 33 Le nitrao-piròtse aman-droae'e
t'Iekizkia naho nalente' iareo amy talèn-kiborin' ana' i Davidey; le hene niasy aze
amy havilasi'ey t'Iehodà naho o mpimone' Ierosalaimeo vaho nandimbe aze nifehe
t'i Menasè ana'e.

# 33

1 Nifolo taoñe ro'amby t'i Menasè te niorotse nifehe, le nifehe limampolo taoñe lim'
amby e Ierosalaime ao; 2 naho nitolon-karatiañe am-pivazohoa' IEHOVÀ, manahake
ty haloloa' o kilakila' ondaty niroahe' IEHOVÀ aolo' o ana' Israeleoo. 3 Rinanji'e
indraike o tamboho rinoba' Iekizkia rae'eo naho nampitroara'e kitrely o Baaleo
naho nitsenea'e Asere; naho nitalahoa'e vaho nitoroñe i valobohòn-dikerañey. 4 Le
namboara'e kitrely añ' anjomba' IEHOVÀ ao, ie nanao ty hoe t'IEHOVÀ: E Ierosalaime
ao nainai'e ty hampipohako ty añarako. 5 Le nandranjia'e kitrely iaby i valobohòn-
dikerañey an-kiririsa roe' i anjomba' IEHOVÀy. 6 Nampirangae'e añ'afo am-
bavatanen' ana' i Hinome ao o ana'eo naho nañandro naho nanikily naho namoreke
naho nitroboen-jiny naho kokolampa; vaho nitolon-kaloloañe am-pivazohoa' IEHOVÀ,
hiviñera'e. 7 Le napo'e añ' anjomban' Añahare ao ty saren-drahare nitsene'e, ie fa
nanao ty hoe amy Davide naho amy Selomò t'i Andriananañahare, te, Ami'ty anjomba
toy, e Ierosalaime etoa, i jinoboko amy ze hene' fifokoa' Israeley ty hampijadoñako ty
añarako nainai'e; 8 le tsy hasintako an-tane' tinendreko aman-droae' areo ty fandia'
Israele naho ambena' iareo ty hanao ze nandiliako iareo amy Hake ao iaby naho amo
fañè vaho fepetse am-pità' i Mosèo. 9 Le nampanan-kakeo o mpimone' Ierosalaimeo
t'i Menasè, nandikoara' iareo ty haratia' o kilakila' ondaty rinotsa' IEHOVÀ aolo' o ana'
Israeleoo. 10 Mbore nitsara amy Menasè naho ondati'eo t'IEHOVÀ, fe tsy nañaoñe.
11 Toly ndra nampivotrahe' IEHOVÀ am' iereo o mpifehem-balobohò' i mpanjaka'
i Asoreio naho nendese' iareo am-porengotse t'i Menasè, vinahotse an-torisike vaho
nasese mb'e Bavele añe. 12 Aa ie nisotry, le nipay IEHOVÀ Andriananañahare'e vaho
nidrakadrakak' añatrefan' Añaharen-droae'e; 13 le nitoreova'e; aa le niferenaiña'e
naho jinanji'e i halali'ey naho nendese'e nimpoly mb'e Ierosalaime, mb'am-pifehea'e
ao vaho nifohi' i Menasè amy zao te IEHOVÀ ro Andriananañahare. 14 Ie añe
le namboare'e kijoly alafe' i rova' i Davidey, añ' ila' ahandrefa' i Gihone, am-
bavatane eo, pak' amy fimoahañe an-dalambeim-piañey, niarikatoke ty Ofele* naho
nampitroare'e an-tiotiotsey; le nampijadoña'e mpifehen-dahindefoñe o rova-fatrats'
Iehoda iabio. 15 Le nafaha'e o ndrahare ankafankafao naho i samposampon-draha
añ' anjomba'IEHOVÀy naho ze fonga kitrely niranjie'e an-kaboa' i anjomba' IEHOVÀy
naho e Ierosalaime ao vaho navokovoko'e alafe' i rovay. 16 Le nisomontie'e ty
kitreli' IEHOVÀ naho nañenga sorom-pañanintsiñe naho fañandriañañe añama'e
vaho linili'e t'Iehoda ty hitoroñe IEHOVÀ Andriananañahare' Israele. 17 Fe mb'e
nisoroñe amo tambohoo ondatio, fa toe amy IEHOVÀ Andriananañahare' iareo. 18 Aa

* 33:14 Ofele: fitalakesañ'abo

le ty ila’ o fitoloña’ i Menasèo naho i halali’e aman’ Añahare’ey naho ty saontsi’ o
mpioniñe nisaontsy ama’e ami’ ty tahina’ IEHOVÀ Andrianañahare’ Israeleo; oniño
t’ie misokitse amo fitoloñam-panjaka’ Israeleo. 19 Le i fitoreo’ey naho i niferenaiñañ’
azey naho o hakeo naho tahi’e iabio naho o toetse namboara’e tambohoo naho
nampitroara’e Asere naho saren-draha sinokitse aolo’ t’ie nire-batañe; inao, t’ie
misokitse amo talilim-pioniñeo. 20 Aa le nitrao-piròtse aman-droae’e t’i Menasè vaho
nandimbe aze nifehe t’i Amone ana’e.
21 Roapolo taoñe ro’amby t’i Amone te niorotse nifehe vaho nifehe roe taoñe e
Ierosalaime ao, 22 le nanao ze haratiañe ampivazohoa’ IEHOVÀ manahak’ i Menasè
rae’e; le nisoroña’ i Amone iaby o sare-sokitse niranjien-drae’eo vaho nitoroñe iareo.
23 Tsy nire-batañe añatrefa’ IEHOVÀ re manahake ty fireham-bata’ i Menasè rae’e, fe
nitombo avao ty hakeo’ i Amone. 24 Aa le nikililу aze o mpitoro’eo vaho vinono’ iareo
añ’ anjomba’e ao. 25 Fe zinevo’ ondati’ i taneio ka o nikinia i Amone mpanjakao; le
nanoe’ o mpimone’ i taneio mpanjaka’ t’Iosià ana’e handimbe aze.

## 34

1 Valo taoñe t’Iosià te namototse nifehe, le nifehe telopolo taoñe raik’ amby e
Ierosalaime ao; 2 naho nanao ze fahiti’e am-pihaino’ IEHOVÀ naho nañavelo an-tsata’
i Davide rae’e vaho tsy nivike mb’ am-pitàn-kavana ndra havia. 3 Fa amy taom-paha-
valo’ i fifehea’ey, ie mbe tora’e, le niorotse nipay an’ Andrianañahare’ i Davide rae’e;
le amy taom-paha-folo-ro’ambi’ey ty namotora’e fañondrok’ am’ Iehodà naho am’
Ierosalaime ze tamboho naho Asere naho sare-sokitse vaho sare-trinanake. 4 Rinoba’
iareo añatrefa’e o kitrlem-baaleo, le finira’e o sare’ i àndroy ambone’ iareoo; le
dinemo’e ho deboke o Asereo naho o sare-sokitseo naho o sare trinanakeo vaho
nabobò’e an-kibori’ o nisoroñe ama’eo. 5 Le finorototo’e amo kitreli’eo ty taola’ o
mpisoroñeo vaho nondrohe’e t’Iehoda naho Ierosalaime. 6 Nanoe’e zay ka o rova’
i Menasè naho i Efraime naho i Simeoneo pake Naftalý añe naho o tanan-taolo
nañohoke iareoo. 7 Le rinoba’e o kitrelio naho dinemo’e ho deboke o Asereo naho o
sare-sokitseo naho fonga finira’e o sare’ i àndroy an-tane’ Israele iabio vaho nimpoly
mb’e Ierosalaime mb’eo.
8 Ie amy taom-paha-folo-valo’ ambi’ i fifehea’ey, ie fa nañalio i taney naho i an-
jombay, le nirahe’e mb’amy Safane ana’ i Atsaliaho naho i Maaseià bei’ i rovay naho
Ioake ana’ Ioakaze mpamolily, ty hañamboatse ty anjomba’ IEHOVÀ Andrianañahare.
9 Le nimb’ amy Kilkià mpisorom-bey mb’eo iereo nanese o drala nampiziliheñe añ’
anjomban’ Añahareo, ze natonto’ o nte-Levy mpiamben-dalañeo am-pità’ i Menasè
naho amy Efraime naho amo sehanga’ Israele iabio naho amy Iehodà miharo amy
Beniamine iaby vaho amo mpimoneñe e Ierosalaimeo. 10 Le natolo’ iereo am-pità’
o mpitoloñe nisary añ’ anjomba’ IEHOVÀo; vaho natolo’ iereo amo mpamboatse
nifanehak’ amy anjomba’ IEHOVÀy hanosoha’e naho hampisomontie’e i anjombay;
11 natolo’ iereo amo mpandranjio naho amo mpamboatseo, hikaloa’ iareo vato vinàñe
naho hatae ho famitrañañe naho handranjiañe sàzoke o traño narotsa’ o mpanjaka’
Iehodao. 12 Nifanehak’ am-pigahiñañe ondatio; le nisary iareo t’Ikate naho i Obadià,
nte’ Levy amo ana’ i Merario; le niaolo iareo t’i Zekarià naho i Mesolame anan’
te-Kohate naho ze hene nte-Levy naha-fititike sabo. 13 Nisarie’ iereo ka o mpijiny
kilankañeo naho niaolo amy ze fitoloñañe amy ze karazan’ asa iaby; le nimpanokitse
naho mpifehe vaho mpañambeñe ty ila’ o nte-Levio. 14 Aa ie nakare’ iereo i drala
nampiziliheñe añ’anjomba’ IEHOVÀy, le nioni’ i Kilkià, mpisoroñe ty boke Hà’ IEHOVÀ
tinolo’ i Mosè. 15 Le hoe ty nisaontsia’ i Kilkià amy Safane, mpanokitse, Fa nitreako
añ’anjomba’ IEHOVÀ ao i boke Hàkey vaho natolo’ i Kilkià amy Safane i bokey. 16 Le
nendese’ i Safane amy mpanjakay i bokey vaho nanovon-tsaontsy amy mpanjakay
ami’ty hoe; Fa nihenefa’ o mpitoro’o iabio ze nafantok’ am’iereo. 17 Le fa natonto’

iareo i drala nitendrek' añ' anjomba' IEHOVÀy vaho fa natolo' iareo am-pità' o
mpisario naho am-pità' o mpitoloñeo. 18 Le nitaroñe' i Safane amy mpanjakay ty
hoe: Nanolotse boke ahy t'i Kilkià mpisoroñe. Vaho vinaki' i Safane añatrefa' i
mpanjakaio. 19 Ie jinanji' i mpanjakay ty enta' i Hake, le niriate'e o siki'eo. 20 Le
linili' i mpanjakay t'i Kilkià naho i Akikame ana' i Safane naho i Abdone, ana'
i Mikà naho i Safane mpanokitse naho i Asaià mpitoro' i mpanjakay, ami'ty hoe,
21 Akia, añontaneo IEHOVÀ ho ahy naho ho amy ze sisa' Israele naho Iehoda, o tsara'
i boke nitendrekeio; fa ra'elahy ty haviñera' IEHOVÀ hidoandoañe amantika, amy
te tsy nitana' o roaentikañeo ty tsara' IEHOVÀ, hanoa' iareo ze hene sinokitse amy
bokey. 22 Aa le nimb' amy Koldà mpitoky (mpimoneñe amy efe' Ierosalaime faharoe
ao), vali' i Salome ana' i Tokate, ana' i Kasrà mpamandroñe i fañajan-tsaroñey, t'i
Kilkià naho i tinendre' i mpanjakay rey nitaroñe izay. 23 Le hoe re am' iereo: Hoe
t'IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele, taroño am' indaty nañitrik' anahareo amakoy:
24 Hoe t'IEHOVÀ: Ingo, hametsahako hankàñe ty toetse toy naho o mpimone'eo, le ze
hene fatse sinokitse amy boke vinaki' iareo añatrefa' i mpanjaka' Iehodaiy; 25 amy
t'ie nifary ahy naho nañemboke aman-drahare ila'e; toly ndra hadoañe ami'ty toetse
toy ty habosehako vaho tsy hakipe. 26 Fe i mpanjaka' Iehodà nañirak' anahareo
hañontane am' IEHOVÀy, ty hanoe' areo ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ, Andrianañahare'
Israele: Ty amo tsara vinaki'oo, 27 kanao nitrotrotrotro añ'arofo rehe naho nirè-
bathe añatrefan' Añahare, ihe nijanjiñe i tsaraeñe ty toetse toy zay, naho ty amo
mpimone'eo naho nidrakadrakak' amako naho nandria-tsaroñe vaho nirovetse añ'
atrefako, le tsinanoko, hoe t'IEHOVÀ. 28 Oniño t'ie havoriko aman-droae'o le hasese
mb'an-kibori'o an-kanintsiñe vaho tsy ho isam-pihaino'o ze fonga hankàñe hafetsako
ami'ty toetse toy naho amo mpimone'eo. Aa le nahere' iareo amy mpanjakay i tsaray.

29 Aa le nampañitrike i mpanjakay vaho natonto'e iaby o androanavi' Iehoda
naho Ierosalaimeo. 30 Le nimb' amy anjomba' IEHOVÀy mb'eo i mpanjakay naho
ondati' Iehoda iabio naho o mpimone' Ierosalaimeo naho o mpisoroñeo naho o
nte-Levio naho ze fonga ondaty, ty bey naho ty kede; le vinaki'e an-dravembia'
iareo o hene tsara' i bokem-pañina nizoeñe añ' anjomba' IEHOVÀy. 31 Nijohañe
amy toe'ey i mpanjakay, le nifañina añatrefa' IEHOVÀ, t'ie hañavelo am-pañorihañe
IEHOVÀ naho hambenañe o lili'eo naho o fitaroña'eo naho o fañè'eo, an-kaàmpon'
arofo naho an-kaliforam-pañova vaho hanao o tsaram-pañina sinokitse amy bokeio.
32 Le nampiongahe'e ze hene nizoeñe e Ierosalaime naho e Beniamine ao. Aa
le norihe' o mpimone' Ierosalaimeo i fañinan' Añahare, Andrianañaharen-droae'
iareoy. 33 Le fonga nafaha' Iosià ty haloloañe amy ze hene tane' o ana' Israeleo, le
songa nampitoroñe'e o nizoeñe e Israeleo, hitoroñe IEHOVÀ Andrianañahare, vaho
tsy nivik' amy fañorihañe IEHOVÀ Andrianañahare' iareoy amo hene andro'eo iereo.

# 35

1 Le nambena' Iosià e Ierosalaime ao ty fihelañ' ambone am' IEHOVÀ; vaho linenta
amy faha-folo-efats' ambi' i volam-baloha'eiy i fihelañ' amboney. 2 Le nalaha'e am-
pirimboñañe o mpisoroñeo, le nosihe'e amy fitoroñañe i anjomba' IEHOVÀiy. 3 Le
hoe re amo nte-Levy mpañoke Israele iabio, o navaheñe amy IEHOVÀo: Apoho amy
anjomba' rinanji' i Selomò ana' i Davidey i vata masiñey, fa tsy ho kilankañe an-
tsoro' areo eo ka, vaho toroño t'IEHOVÀ Andrianañahare' areo naho ondati'e Israeleo
henane zao; 4 le mihentseña sambe anjomban-droae, songa firimboñañe, ty amy
sinoki' i Davide mpanjaka' Israeley naho i sinoki' i Selomò ana'ey; 5 le mijohaña an-
toe-miavake ao, songa firimboñan' anjomban-droaen-drolongo, naho ami'ty fizarañe
o anjomban-droaen-te-Levio. 6 Le lentao i fihelañ' amboney naho miavaha, le
ampihentseño o longo' areoo, hañorike i tsara' IEHOVÀ ampità' i Mosèy. 7 Le nitolora'

Iosià vik’ añondry naho vik’ ose amo ana’ondatio, ze teo iaby, songa hengaeñe
amy fihelañ’ amboney, le telo’ ale ty hamaro’e naho añombe telo’ arivo, boak’ am-
panaña’ i mpanjakay. 8 Nañomey an-tsatrin’ arofo amo mpisoroñeo naho amo nte-
Levio ka o roandriañeo. Le natolo’ i Kilkià naho i Zekarià vaho Iekiele, mpiaolo
amy anjomban’ Añaharey amo mpisoroñeo ty ro’arivo-tsi-enenjato hisoroñañe amy
fihelañ’ amboney naho añombe telon-jato. 9 Nanolotse amo nte-Levio ka t’i Konanià
naho i Semaia naho i Netanele, rahalahi’e naho i Kasabià naho Ieiele vaho Iozabade,
mpiaolo’ o nte-Levio, ty lime-arivo hisoroñañe amy fihelañ’ amboney naho ty
añombe liman-jato. 10 Aa le nihalankañeñe i fitoloñañey, songa nijohañe an-toe’e
eo o mpisoroñeo naho o nte-Levio, sindre firimboñañe, ty amy lili’ i mpanjakay.
11 Le linenta’ iareo i vik’ añondrim-pihelañ’ amboney, le nafetsa’ o mpisoroñeo
boak’ ampità’ iareo ty lio’e vaho nolire’ o nte-Levio. 12 Navi’ iareo o hisoroñañeo,
hanolora’ iareo amo fizaran’ anjomban-droae’ o ana’ ondatio, hañenga’ iareo am’
Iehovà ty amy misokitse am-boke’ i Mosèy. Manahake zay o añombeo. 13 Natono’
iareo añ’ afo i fihelañ’ amboney ty amy fañèy fe natokoñe ambalàñe naho an-
tsajoa ao vaho an-tsiliàñe o soroñe miavakeo vaho nasese’ iareo masìka amo ana’
ondatio. 14 Ie nañeneke zay le nañajary ho am-bata’e naho amo mpisoroñeo; amy te
nañenga o soroñeo naho i saboray pak’ amy haleñey o mpisoroñe ana’ i Aharoneo;
aa le nifañalankañe ho am-bata’e naho ho amo mpisoroñe ana’ i Aharoneo o nte-
Levio. 15 An-toe’e eo ka o mpisabo ana’ i Asafeo, ty amy lili’ i Davide naho i Asafe
naho Iedotone, mpioni’ i mpanjakay; le tsy niavota’ o mpañambeñeo ty fitoroña’
iareo amo lalambey iabio, amy te nañalankañe ho a iareo o nte-Levy longo’ iareoo.
16 Aa le nihenek’ amy àndroy ty fitoroñañe am’ Iehovà, ty fañambenañe i fihelañ’
amboney naho ty fisoroñañe o engan-koroañe an-kitreli’ Iehovào, ty amy nafe’ Ioase
mpanjakay. 17 Le nambena’ o ana’ Israele niatreke eo tañ’andro zaio fito andro i
fihelañ’ amboney naho i sabadidake mofo-po-dalivaiy. 18 Le tsy teo ty fihelañ’ ambone
nihajarieñe hambañ’ama’e e Israele ao boak’ añ’ andro’ i Samoele mpitoky; vaho tsy
tamo mpanjaka’ Israeleo ty nahaambeñe fihelañ’ ambone manahake ty nanoe’ Ioase
rekets’ o mpisoroñe naho nte-Levio naho Iehodà naho Israele iaby niatrekeo, mitraok’
amo mpimone’ Ierosalaimeo. 19 Amy taom-paha-folo-valo-ambim-pifehea’ Ioasey ty
nañambenañe i fihelañ’ amboney.

20 Ie añe, naho fa nihajarie’ Iosia i anjombay, te nimb’eo t’i Nekò, mpanjaka’ i
Mitsraime hialy e Karkemise e Peratey añe, le niavotse mb’eo t’Iosia hiatreatre.
21 Fe nampihitrifa’e ìrake, nanao ty hoe: Manao inoñ’ ama’o raho ry mpanjaka’
Iehodà? Tsy ihe ty atretrèko androany, fa i anjomba anañako aliy; vaho nandily
ahy hihitrihitry mb’eo t’i Andrianañahare; aa le mifoneña tsy hitsoborea’o i
Andrianañahare mpañolotse ahikoy, tsy mone harotsa’e. 22 Fe tsy nimete nitolike
tsy ho ama’e t’Iosia fa nañonohono vatañe hialia’e, le tsy hinao’e i saontsi’ i Nekò
boak’ am-palien’ Añaharey vaho nimb’ am-bavatane’ i Megidò re hialy. 23 Aa le tinifi’
o mpitàm-paleo t’Iosia mpanjaka; le hoe i mpanjakay amo mpitoro’eo; Asitaho raho,
fa vata’e fere. 24 Aa le nakare’ o mpitoro’eo amy saretey vaho najo’ iareo amy sarete
faharoe nindese’ey naho nasese’ iareo mb’e Ierosalaime mb’eo naho nihomake vaho
nalentek’ an-kiborin-droae’e ao. Le fonga nandala aze t’Iehoda naho Ierosalaime.
25 Nibeko fandalañe am’ Iosia t’Ieremià naho hene takasie’ o sakeran-dahilahio naho
bekoe’ o sairy ampelao t’Iosia pak’ androany; vaho nanoa’ iareo fañè e Israele ao;
oniño t’ie misokitse amo Firovetañeo. 26 Aa naho o fitoloña’ Iosià ila’eo naho o
fatariha’e ty amo pinatetse amy Hà’ Iehovàio 27 le o tolon-draha’eo, ty valoha’e pak’
am-para’e; ingo fonga sinokitse amy bokem-panjakà’ Israele naho Iehoday.

# 36

1 Rinambe' ondati' i taneio amy zao t'Iehoakaze ana' Iosià vaho nanoeñe mpanjaka
handimbe an-drae'e e Ierosalaime ao. 2 Roapolo-taoñe telo' amby t'Ioakaze te
niorotse nifehe, le nifeleke telo volañe e Ierosalaime ao. 3 Nafotsa' ty mpanjaka' i
Mitsraime re tsy ho e Ierosalaime ao vaho sinaze'e talenta volafoty zato naho talenta
volamena raike i taney. 4 Le nanoe' i mpanjaka' i Mitsraimey mpanjaka' Iehoda
naho Ierosalaime t'i Eliakime rahalahi'e vaho novae'e ho Iehoiakime ty añara'e. Le
rinambe' i Neko t'Iehoakaze rahalahi'e vaho nasese'e mb'e Mitsraime añe. 5 Roapolo-
lim' amby taoñe t'Iehoiakime te niorotse nifehe e Ierosalaime ao; le nifehe folo-
taoñe raik' amby; vaho nanao haratiañe am-pivazohoa' Iehovà Andrianañahare'e.
6 Nionjomb' ama'e mb'eo niatreatre aze t'i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele, le
rinohi'e an-tsilisily, hanese aze mb'e Bavele añe. 7 Nañandesa' i Nebokadnetsare
mb'e Bavele añe ka o fana' i anjomba' Iehovàio le napo'e an-kibohom-pitalahoa'e e
Bavele ao. 8 Aa naho o fitoloña' Iehoiakime ila'eo naho o haloloañe nanoe'eo naho
ze nitendrek' ama'e, oniño t'ie misokitse amy bokem-panjaka' Israele naho Iehoday;
vaho nandimbe aze ho mpifehe t' Iehoiakine, ana'e. 9 Valo taoñe t'Iehoiakine te
niorotse nifehe; le nifehe telo volañe naho folo andro e Ierosalaime ao vaho nanao
haratiañe ampivazohoa' Iehovà. 10 Ie nivalike i taoñey le nirahe' i Nebokadnetsare
naho nendeseñe mb'e Bavele mb'eo re, rekets' o fanake soa añ' anjomba' Iehovào
vaho nanoe'e mpanjaka' Iehoda naho Ierosalaime t'i Tsidkià rahalahi'e.

11 Roapolo taoñe raik' amby t'i Tsidkià te niorotse nifehe; le nifehe folo-
raik' amby taoñe e Ierosalaime ao; 12 le nanao haratiañe am-pivazohoa' Iehovà
Andrianañahare'e, tsy nirè-batañe añatrefa' Ieremià mpitoky nampisaontsiem-
palie' Iehovà. 13 Niolà'e ka t'i Nebokadnetsare mpanjaka nampitangèñe aze
aman' Añahare; f'ie nampigàn-kàtoke, le nampiliets' arofo tsy hitolike amy Iehovà
Andrianañahare' Israele. 14 Mbore songa nandilatse raty o mpiaolo' o mpisoroñeo
naho ondatioo, sindre nañorike o haloloa' o kilakila' ondatioo vaho nitivae' iareo
i anjomba' Iehovà navahe'e e Ierosalaimey. 15 Nahitri' Iehovà Andrianañaharen-
droae' iareo am' iereo añamo ìra'eo, beteke nañaleñaleñe te nampionjone'e mb'eo,
amy te niferenaiña'e ondati'eo naho i kiboho'ey; 16 fe ninjè' iereo o ìran' Añahareo
naho nitsambolitio' iereo o tsara'eo naho nonjira' iareo o mpitoki'eo ampara' te
nionjoñe am' ondati'eo ty haviñera' Iehovà, sikala amy t'ie tsy aman' aoly ka.
17 Aa le nendese'e am' iereo ty mpanjaka' o nte-Kasdio, nanjamañe o ajajalahi'
iareoo am-pibara amy anjomba fipalira' iareoy, le tsy nitretreze'e ndra ajalahy ndra
somondrara, ndra androanavy ndra ty maròy foty; fonga natolo'e am-pità'e. 18 Le
songa nendese'e mb'e Bavele mb'eo o fana' i anjomban' Añahareio, ty bey naho ty
kede naho o varan' anjomba' Iehovào naho o vara' i mpanjakaio vaho o roandria'eo—
hene nente'e mb'e Bavele añe. 19 Le noroa' iareo i anjomban' Añaharey naho
rinoba' iareo ty kijoli' Ierosalaime naho kila niforototoeñe añ' afo o anjomba'eo naho
nirotsaheñe iaby o harao'e soao; 20 naho nendese'e mb'e Bavele añe ze nipolititse
amy fibaray, ie nitoroñe aze naho o ana'eo, am-para' te nifehe ty fifehea' i Parasè;
21 hampañenefañe ty tsara' Iehovà am-palie' Iirmeày ampara' te navahañe amy
taney o Sabata'eo; amy te, ie nangoakoake, ro nañambeñe o Sabata'eo, nañeneke ty
fitom-polo taoñe.

22 Aa ie amy taom-baloha' i Korese, mpanjaka' i Parasey, hampañeneke i tsara'
Iehovà am-palie' Iirmeàiy, le trinobo' Iehovà ty arofo' i Korese mpanjaka' i Parase,
hampitsitsihe'e am-pifehea'e ty tsei-valo, mbore pinate'e an-tsokitse ty hoe: 23 Hoe
t'i Korese, mpanjaka' i Parase: Fa natolo' Iehovà, Andrianañaharen-dikerañe ahy,
ze hene fifehea' ty tane toy; vaho nafanto'e amako ty handranjiañ' aze anjomba e

Ierosalaime e Iehodà ao. Aa ndra ia ia ty eo am'ondati'eo—ho ama'e abey t'IEHOVÀ Andriananañahare'e—ehe te hionjomb'eo.

# Ezra

1 Ie tan-taom-baloha' ty fifehea' i Korese mpanjaka' i Parase, le trinobo' Iehovà ty
arofo' i Korese mpanjaka' i Parase, hañenefa'e ty tsara' Iehovà am-palie' Iirmeà,
le nikoi-dava nanitsike ty fifehea'e iaby mbore nanoe'e an-tsokitse ty hoe: 2 Hoe
t'i Korese, mpanjaka' i Parase, Fa natolo' Iehovà Andrianañaharen-dikerañey ahy
iaby o fifelehañe an-tane atoio; vaho nafanto'e amako ty handranjy anjomba ho
Aze e Ierosalaime e Iehoda añe. 3 Ia ty eo amo hene' ondati'eo? Ho ama'e abey
t'i Andrianañahare'e, ehe t'ie hionjomb'e Ierosalaime e Iehoda añe hamboatse ty
anjomba' Iehovà Andrianañahare' Israele—i toen' Añahare e Ierosalaime ao. 4 Le ze
mbe sisa amy naneseañey: ehe te hañimb' aze ondaty an-toe'eo am-bolafoty naho
volamena vaho vara reketse hare, mandikoatse ty ho banabanae'e amy anjomban'
Añahare e Ierosalaimey.

5 Niongak' amy zao o talèn' anjomba' Iehodao naho o amy Beniamineo naho
o mpisoroñeo naho o nte-Levio vaho ze nitroboen' Arofon' Añahare hionjomb'eo
handranjy i anjomba' Iehovà e Ierosalaime añey. 6 Le nampihafatrare' o mañohoke
iareoo o fità' iareoo ami'ty fanake volafoty naho volamena naho vara naho hare
vaho ze raha soa, mandikoatse o nibanabanañeo. 7 Nakare' i Kerose ka o fana' i
anjomba' Iehovày nendese' i Nebokadnetsare boake Ierosalaime añe naho napoke
an-trañon-drahare'eo, 8 ie naboa' i Korese mpanjaka' i Parase am-pità' i Mitredate
mpamandroñe vaho niahe'e amy Ses-bazare, mpifehe' Iehodà. 9 Le zao ty ia'e: koveta
volamena telopolo, koveta volafoty arivo, vi-lava roapolo-sive' amby; 10 soakazo
volamena telopolo, soakazo faharoe volafoty efa-jato-folo' amby vaho fanake ila'e
arivo. 11 Aa le ze hene fanake volamena naho volafoty: lime-arivo tsi-efa-jato. Songa
nasese' i Ses-bazare mindre amo niavotse ty fandrohiza' i Bavele, nionjoñe mb'e
Ierosalaime añeo.

## 2

1 Aa le zao o ana' i borizà nionjoñe boak' am-pandrohizañeio, amo nasese mb'eoo,
amo nasese' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele mb'e Bavele mb'eo, ze nimpoly
mb'e Ierosalaime naho Iehodào, songa mb'an-drova'e mb'eo; 2 le o nimb'eo nindre
amy Zerobabeleo: Iesoa, i Nekemià, i Seraià, i Reelaià, i Mordekay, i Bilsane, i
Mispare, i Bigvay, i Rekome, i Baanà. Ty ia' o nte-Israeleo:

3 O ana' i Paroseo, ro-arivo-tsi-zato-tsi-fitompolo-ro'amby. 4 O ana' i Sefatiào, telon-
jato-tsi-fitom-polo-ro'amby. 5 O ana' i Arakeo, fiton-jato-tsi-fitompolo-lim' amby. 6 O
ana' i Pakate-moabeo, amo ana' Iesoà naho Ioabeo, ro'arivo-tsi-valon-jato-tsi-folo-
ro'amby. 7 O ana' i Elameo, arivo-tsi-roanjato-tsi-limampolo-efats' amby. 8 O ana' i
Zatòo, sivanjato-tsi-efapolo-lime amby. 9 O ana' i Zakaio, fitonjato-tsi-enempolo. 10 O
ana' i Banio, enenjato-tsi-efapolo-ro'amby. 11 O ana' i Bebaio, enenjato-tsi-roapolo-
telo' amby. 12 O ana' i Azgadeo, arivo-tsi-roanjato-tsi-roapolo-ro' amby. 13 O ana'
i Adonikameo, enenjato-tsi-enempolo-eneñ' amby. 14 O ana' i Bigvaio, ro'arivo-tsi-
limampolo-eneñ' amby. 15 O ana' i Adineo, efajato-tsi-limampolo-efats' amby. 16 O
ana' i Atere nte-Kezekiào, sivampolo-valo' amby. 17 O ana' i Betsaio, telonjato-tsi-
roapolo-telo' amby. 18 O ana' Iorào, zato-tsi-folo-ro' amby. 19 O ana' i Kasomeo,
roanjato-tsi-roapolo-telo'amby.

20 O ana’ i Gibareo, sivampolo-lim’ amby, 21 O ana’ i Betlekhemeo, zato-tsi-roapolo-
telo’ amby. 22 O nte-Netofao, limampolo-eneñ’ amby. 23 O nte-Anatoteo, zato-tsi-
roapolo-valo’ amby. 24 O ana’ i Azmaveteo, efapolo-ro’ amby. 25 O ana’ i Kiriate-
arimeo, i Kefirè naho i Bierote, fiton-jato-tsi-efapolo-telo’ amby. 26 O ana’ i Rama
naho i Gabao, enen-jato-tsi-roapolo-raik’ amby. 27 O nte-Mikmase, zato-tsi-roapolo-
ro’ amby. 28 O nte-Betele naho Aio, roanjato-tsi-roapolo-telo’ amby. 29 O ana’ i Neboo,
limampolo-ro’ amby. 30 O ana’ i Magbiseo, zato-tsi-limampolo-eneñ’ amby. 31 O ana’
i Elame raikeo, arivo-tsi-roanjato-tsi-limampolo-efats’ amby. 32 O ana’ i Karimeo,
telonjato-tsi-roapolo. 33 O ana’ i Lodeo, Kadide naho i Ono, fitonjato-tsi-roapolo lim’
amby. 34 O ana’ Ierikoo, telonjato-tsi-efapolo’ lim’ amby.

35 O ana’ i Senào, telo-arivo-tsi-enenjato-tsi-telopolo. 36 O mpisoroñeo: o ana’
Iedaià, amy anjomba’ Iesoàio, sivanjato-tsi-fitom-polo-telo’ amby. 37 O ana’ Imereo,
arivo-tsi-limampolo-ro’amby. 38 O ana’ i Pasoreo, arivo-tsi-roanjato-tsi-efapolo-fito’
amby. 39 O ana’ i Karimoo, arivo-tsi-folo-fito’ amby. 40 O nte-Levio: o ana’ Iesoa naho
i Kadmiele, amo ana’ i Hodaviàoo, fitom-polo-efats’ amby. 41 O mpisaboo: o ana’ i
Asafeo, zato-tsi-roapolo-valo’ amby.

42 O ana’ o mpañambeñeoo; o ana’ i Salomeo, o ana’ i Atereo, o ana’ i Talmoneo, o
ana’ i Akobeo, o ana’ i Hatitào, o ana’ i Sobaio; ie iaby zay zato-tsi-telopolo-sive amby.

43 O mpitoroñe añ’ anjomban’ Añahareo: o ana’ i Tsikhào, o ana’ i Hasofao, o ana’
i Tabaoteo, 44 o ana’ i Keroseo, o ana’ i Siahao, o ana’ i Padoneo, 45 o ana’ i Lebanao,
o ana’ i Kagabào, o ana’ i Akobeo, 46 o ana’ i Kagabeo, o ana’ i Salmaeo, o ana’ i
Kanàneo, 47 o ana’ i Gideleo, o ana’ i Gahareo, o ana’ i Reaiào, 48 o ana’ i Retsineo, o
ana’ i Nekodao, o ana’ i Gazameo, 49 o ana’ i Ozao, o ana’ i Paseào, o ana’ i Besaio,
50 o ana’ i Asnào, o ana’ i Mehonimeo, o ana’ i Nefosimeo, 51 o ana’ i Bakbokeo, o
Kahofào, o ana’ i Karkoreo, 52 o ana’ i Batsloteo, o ana’ i Mehidao, o ana’ i Karsào,
53 o ana’ i Barkoseo, o ana’ i Siserao, o ana’ i Tamakeo, 54 o ana’ i Netsiakeo, o ana’ i
Katifao.

55 O anam-pitoro’ i Selomoo: o ana’ i Sotaio, o ana’ i Sofereteo, o ana’ i Perodao, 56 o
ana’ Iaalào, o ana’ i Darkoneo, o ana’ i Gideleo, 57 o ana’ i Sefatiào, o ana’ i Hatileo,
o ana’ i Pokerete nte-Tsebaimeo, o ana’ i Amio. 58 O mpitoro’ i kibohoy iabio naho o
anam-pitoro’ i Selomoo: telon-jato-tsi-sivampolo-ro’amby.

59 Inao o nionjoñe boak’e Tel-melà, i Tel-harsà, i Kerobe, i Adane vaho Imereo; f’ie
tsy nahafiantoñoñe ty anjomban-droae’e naho ty maha-tarira’ Israele iareo. 60 O ana’
i Delaiào, o ana’ i Tobiào, o ana’ i Nekodao, enen-jato-tsi-limampolo-ro’amby.

61 Naho amo anam-pisoroñeo: o ana’ i Kabaiào, o ana’ i Kozeo, o ana’ i Barzilaio; ie
nañenga valy amo anak’ ampela’ i Barzilay nte-Giladeo vaho nitokaveñe amy tahina’
iareoy. 62 Pinai’ iareo o famoliliam-piantoño’ iareoo, fe tsy nahaisake; aa le natao
ho maleotse vaho nafahañe tsy hitolon-ko mpisoroñe. 63 Le nanao ty hoe am’iereo
t’i Tirsatà: Tsy mete mikama amo raha niava-do’eo iereo ampara’ te miongake ty
mpisoroñe reketse orime naho tomime. 64 I valobohòke zay le efats’ ale-tsi-ro’ arivo-
tsi-telonjato-tsi-enempolo, 65 mbe tovo’ zay o mpitoro’eo naho o anak’ ampata’eo,
ie nitontoñe ho fito-arivo-tsi-telonjato-tsi-telopolo-fito’ amby; vaho am’iereo ao ty
lahilahy mpisabo naho rakemba mpisabo roanjato.

66 O soavala’ iareoo: fitonjato-tsi-telopolo-eneñ’ amby; o borìke-vosi’ iareoo:
roanjato-tsi-efapolo-lim’ amby; 67 o rameva’ iareoo: efajato-tsi-telopolo-lim’ amby, o
borìke iareoo: eneñ’ arivo-tsi-fitonjato-tsi-roapolo. 68 Tamo talèn-droae niheo mb’añ
anjomba’ IEHOVÀ e Ierosalaimeo, ty nanolotse an-tsatrin’ arofo, hampitroarañe i
anjomban’ Añaharey an-toe’e eo; 69 tinolo’iereo amy fanontoñam-pitoloñañey an-
kalefeañe ty volamena bogady eneñ’ ale-tsi-arivo naho volafoty minà lime-arivo naho
sarìmbom-pisoroñe, zato.

70 Aa le nimoneñe amo rova’ iareoo ty ila’ o mpisoroñeo naho o nte-Levio naho
ondatio naho o mpisaboo naho o mpañambeñeo naho o mpitoron-kivohoo; le songa
nimoneñe amy rova’ey t’Israele.

# 3

1 Ie tsatoke ty volam-paha-fito naho fa an-drova’ iareo añe o ana’ Israeleo, le hene
nifanontoñe hoe ondaty raike e Ierosalaime ao. 2 Nitroatse amy zao t’Iesoà ana’
Iotsadake naho o rahalahi’e mpisoroñeo naho i Zerobabele, ana’ i Sealtiele naho o
rahalahi’eo vaho nitsene ty kitrelin’ Añahare hañengàñe soroñe ty amy sinokitse
amy Hà’ i Mose ‘ndatin’ Añaharey. 3 Natobò’ iereo amo tombo’eo i kitreliy ie
nihembañ’ am’ondati’ o fifeheañeo; le nañenga soroñe ama’e amy IEHOVÀ, soroñe
maraiñe naho hariva. 4 Le nambena’ iareo i sabadida-kibohotsey, ty amy pinatetsey
naho nañenga soroñe boak’ andro ty amy ia’e nafetsey, ty amy fañè’ey, songa ty
amy lili’ i andro’ey; 5 tovo izay o soroñe nainai’eo naho o soroñe am-pea-bolañeo
naho amo andro namantaña’ IEHOVÀ naho navaheñeo, vaho songa nañenga an-
tsatrin’ arofo am’ IEHOVÀ ze nazoto. 6 Boak’ amy andro valoha’ i volam-pahafitoiy
ty namotora’ iareo nañenga soroñe am’ IEHOVÀ; fe mboe tsy nioreñe ty mananta’
i anjomba’ IEHOVÀy. 7 Tinolo iareo drala ka o mpihali-vatoo naho o mpandranjio;
naho mahakama naho rano naho menak’ amo nte-Tsioneo vaho amo nte-Tsoreo,
hañendesañe hatae boake Lebanone mb’ andriake mb’e Iopà añe, amy tolotse niazo’
iareo amy Korese, mpanjaka’ i Parasey.

8 Ie amy taom-paha-roe nivotraha’ iareo añ’ anjomban’ Añahare e Ierosalaimey;
amy volam-paharoe’ey ty niorota’ i Zerobabele ana’ i Sealtiele naho Iesoa ana’
Iotsadake naho o sehangan-droahalahi’e mpisoroñe naho nte-Levy boak’ am-
pandrohizañe añe nimb’e Ierosalaime mb’eoo, ie nanendre o nte-Levio mifototse
ami’ty roapolo taoñe mañambone, ty hamototse ty fitoloñañe añ’ anjomba’ IEHOVÀ
ao. 9 Niharo niongak’ amy zao t’Iesoa naho o ana’eo naho o rahalahi’eo naho i
Kadmiele naho o ana’eo vaho o ana’ Iehodào, hisary o mpitoloñe añ’ anjomban’
Añahareo; teo ka o ana’ i Kenadadeo naho o ana’iareoo vaho o rahalahi’e nte-Levio.
10 Aa ie naore’ o mpandranjio o mananta’ i anjomba’ IEHOVÀio, le nampijohañeñe
eo an-tsaro’e reketse trompetra o mpisoroñeo naho o nte-Levy ana’ i Asafeo am-
pikorintsañe, hisabo am’ IEHOVÀ ty amy fanoroa’ i Davide mpanjaka’ Israeley. 11 Le
nitakasy iereo, nandrenge naho nañandriañe IEHOVÀ: ami’ty hoe:

Ie ro Soa, nainai’e ty fiferenaiña’e am’Israele.

Le nandia-taroba am-pàzake ondaty iabio, nandrenge IEHOVÀ ami’ty fañoreñañe o
manatan’ anjomba’ IEHOVÀo. 12 Fe nangoihoy ty rovetse o mpisoroñeo naho o nte-
Levio vaho o talèn’ anjomban-droaeo, o androanavy nahaisake i anjomba valoha’eio,
ie nampijadoñeñe añatrefam-pihaino’ iareo eo o mananta’ ty anjomba toio, fe maro
ka ty nipazapazak’ an-kaehake; 13 aa le tsy nahatsikara’ ondatio ty famatsiña’ i
fipazapazam-pirebehañey amy fangololoiha’ ondatioy; fa pinoña’ ondatio ty fipazake
kanao jinanjiñe tsietoitane añe i hozakozakey.

# 4

1 Ie jinanji’ o rafelahi’ Iehoda naho i Beniamineo te nandranjy anjomba am’ IEHOVÀ,
Andrianañahare’ Israele o anam-pandrohizañeo, 2 le niheo amy Zerobabele naho
amo talèn’ anjomban-droaeo mb’eo, nanao ty hoe: Antao hindre hamboatse tika;
fa paia’ay manahak’ anahareo t’i Andrianañahare’ areo vaho fa nisoroña’ay sikala’
amy andro’ i Esarkadone mpanjaka’ i Asore nanese anay mb’etoañey. 3 Fe nanoa’
i Zerobabele naho Iesòa vaho ty ila’ o mpiaoloñ’ anjomba’ Israeleo, ty hoe: Tsy
aman-kanoañe ama’ay nahareo ami’ ty fandranjiañe anjomba ho aman’ Añahare’ay;

zahay ka, ro hitrao-kandranjy ho amy IEHOVÀ, Andriananañahare' Israele, amy nandilia'
i Korese, mpanjaka' i Parase anaiy. [4] Aa le nampiletraletra ty fità' o nte-Iehoda
ondati' i taneio, fa nihehere' iereo o namboatseo, [5] ie nanolo-vokàñe amo mpifeheo,
hampineña o fisafiri' iareoo amo hene' andro' i Korese, mpanjaka' i Paraseo, pak'
amy fifehea' i Dariavese, mpanjaka' i Parasey.
[6] Ie amy fifehea' i Akasverosey, amy fifotora' i fifeleha'ey, le nisokira' iereo
sisý o mpimone' Iehoda naho Ierosalaimeo. [7] Le amo andro' i Artaksastào ty
nanokira' i Bislame naho i Mitredate naho i Tabile miharo amo rañe'e ila'eo, amy
Artaksastà, mpanjaka' i Parase: sinokitse an-tsaontsy nte-Arame i taratasiy vaho
nadika boak' ami'ty saontsi' Arame. [8] Nanokitse taratasy fandrabioñañe Ierosalaime
amy Artaksastà, mpanjaka, t'i Rekome mpizaka naho i Simsay mpanokitse, amo hoe
zao: [9] Aa hoe ty sinoki' i Rekome mpizaka naho i Simsay mpanokitse naho o rañe'e
ila'eo; o mpizakao naho o mpifeleke zai'eo naho o siliketerao naho o nte-Erekeo, o nte-
Baveleo, o nte Sosaneo, o nte-Dahavào vaho o nte-Elameo, [10] naho o kilakila' ondaty
ila'e nasese' i Asenapare, mpanañ' asy naho vañoñey vaho navotra'e androva'
i Somerone ao naho an-tane' ila'e alafe' i Saka atoiy—inao: [11] intoy ty taratasy
hambañ' amy nañitrifa' iareo ama'ey, amy Artaksastà mpanjakay—o mpitoro'oo,
ondaty alafe' i Sakay atoio—le zao: [12] Ee te ho fohi' i mpanjakay, te nivotrak' ama'ay
e Ierosalaime atoa o nte-Iehodà nionjoñe boak' ama'oo; amboare' iareo henaneo
i rova mpiola naho ratiy, naho fa najado' iareo o kijoli'eo vaho nampivitrañe o
mananta'eo. [13] Aa ehe te ho fohi' i mpanjakay henane zao te ie mivoatse ty rova toy
vaho fonitse o kijoli'eo, le tsy handoa haba ndra vili-loha ndra fondro iereo, toly ndra
hampiantoeñe ty fanontoña' o mpanjakao. [14] Aa kanao ikama'ay ty sira' i anjombam-
panjakay, le tsy mañeva anay ty hahaoniñe ty fanalarañe i mpanjakay, aa le zay ty
nampihitrifa'ay taroñe amy mpanjakay, [15] soa te ho hotsohotsoeñe o bokem-bolilin-
droae'o hahaisake amy bokem-boliliy naho hahaoniñe te vata'e rova mpiola ty rova
toy naho mpijoy mpanjaka naho fifeheañe, ie fa nitrobo fikitrohañe hatrela'e; le zay
ty nampangoakoahañe ty rova toy. [16] Aa le taroñe'ay amy mpanjakay t'ie mivoatse
ty rova toy naho fonitse o kijoli'eo, le tsy ho fanaña'o ka ty an-dafe' i Sakay atoa.
[17] Aa le nampisangitrife' i mpanjakay amy Rekome mpizaka naho amy Sisa
mpanokitsey naho amo mpiama' iareo ila'e e Someroneo vaho amo ila'e alafe' i
Sakaio, ty vale'e: Fañanintsiñe, le zao; [18] nadika naho vinaky ama'ay añatrefako i
taratasy nahitri' areo ama'aiy. [19] Le namantoke raho naho fa heneke i fitsikarahañey,
le nizoeñe te nimpiola amo mpanjakao hatrela'e i rovay vaho fikitrofañe naho
fikililiañe ty nanoeñe ao. [20] Toe teo ty mpanjaka ra'elahy nifehe Ierosalaime, nifeleke
i fonga tane alafe' i Sakaiy; le nitolorañe rorotse naho haba vaho fondro. [21] Aa
le ametsaho zaka hampijihetse indaty rezay, tsy hamboatse i rovay, ampara' te
ampiboahako tsey. [22] Mitomira arè tsy hilesa amy zay; ino ty hitomboa' o fiantoañeo
hijoy o mpanjakao? [23] Ie vinaky aolo' i Rekome naho i Sisay mpanokitse naho o
mpiama'eo i hambañe amy taratasi' i Artaksastà, mpanjakay, le nihitrihitry mb'e
Ierosalaime mb'amo nte-Iehodao mb'eo, nanjitse ty ao an-kaozarañe naho senge hèry.
[24] Aa le nijihetse i fitoloñañe añ' anjomban' Añahare e Ierosalaimey; le nizitse am-
para' ty taom-paha-roem-pifeleha' i Dariavese, mpanjaka' i Parasey.

# 5

[1] Aa le nitoky amo nte-Iehodà e Iehodà naho Ierosalaimeo amy zao o mpitokio; i
Kagaý mpitoky naho i Zekarià, ana' Idò, ie nitoky am' iareo amy tahinan' Añahare
Israeley. [2] Niongak' amy zao t'i Zerobabele ana' i Sealtiele naho Iesoà, ana' Iotsa-
dake niorotse namboatse i anjomban' Añahare e Ierosalaimey; le nimpiam' iareo
nañimba, o mpitokin' Añahareo,.

3 Pok’ eo amy zao t’i Tatenay, mpifehe alafe’ i Sakay añe naho i Setar-botsenay
naho o rañe’eo, nanao ty hoe am’ iereo: Ia ty nanolo-dily anahareo handranjy o
anjombao vaho ty hamonitse ty rafitse toy? 4 naho ia o tahina’ ondaty mamboatse
ty anjomba toio? 5 Fa tamo mpiaolo’ o nte-Iehodaoo ty fihainon’ Añahare’ iareo, le
tsy nazi’ iareo hitroatse, ampara’ te niheo amy Dareiavese i rahay vaho nimpoly am’
iereo an-taratasy ty vale’e. 6 Itoy ty taratasy hambañe amy nampihitrife’ i Tatenay
mpifelek’ alafe’ i Sakay atoiy naho i Setar-botsenay vaho o rañe’e nte-Afaresake alafe’
i Sakay atoio amy Dareiavese mpanjaka; 7 zao ty nisokitse amy taratasy nahitrikey:
Ry Dariavese mpanjaka, hene hanintsiñe! 8 Ampahafohinañe i mpanjakay te niheo
mb’ an-tane’ Iehodà añe zahay, mb’amy anjomban’ Añahare jabahinakey mb’eo, ze
amboareñe am-bato jabajaba naho bodan-katae amo rindri’eo, le ifanehafañe an-
kahimbañañe i fitoloñañe zay vaho miraorao am-pità’ iareo. 9 Aa le nañontanea’ay
o mpiaoloo, ami’ty hoe: Ia ty nanolo-dily anahareo handranjy ty anjomba toy naho
ty hamonitse o kijolio? 10 Nañontanea’ay ka o tahina’ iareoo, ho taroñeñ’ ama’o,
hanokira’ay ty tahina’ o mpiaolo’ iareoo. 11 Le ty hoe ty navale’ iareo anay: Mpitoron’
Andriananañaharen-dikerañey naho ty tane toy zahay, le amboare’ay ty anjomba
nifonitse taoñe maro taolo añe toy, i namboare’ ty mpanjaka ra’elahi’ Israele vaho
nihenefe’ey. 12 Fe nampaviñeren-droae’ay t’i Andriananañaharen-dindiñe añe, le
natolo’e am-pità’ i Nebokadnetsare, mpanjaka’ i Bavele, i nte-Kasdy nandrotsake ty
anjomba toy vaho nanese ondatio mb’e Bavele mb’eoy. 13 F’ie amy taom-baloha’ i
Korese, mpanjaka’ i Baveley, le tsine’ i Korese mpanjaka te hamboareñe ty anjomban’
Añahare toy. 14 Tovo’e: o fanake volamena naho volafoti’ i anjomban’ Añahare
nakare’ i Nebokadnetsare boak’ añ’anjomba e Ierosalaime añe, ie nasese’e mb’ amy
anjomba e Baveleio, le nakare’ i Korese boak’ amy anjomba’ i Baveley naho natolo’e
amy atao Ses’ bazare nanoe’e mpifelekey; 15 naho nanao ty hoe ama’e: Rambeso o
fanake retoañe le akia apoho añ’anjomba’e e Ierosalaime ao vaho amboaro amy toe’e
eo ty anjomban’ Añahare. 16 Totsake eo amy zao t’i Sesbazare, le naore’e o mananta’
i anjomban’ Añahare e Ierosalaime aoio; le sikal’ amy andro zay pake henaneo t’ie
namboareñe, fe mboe tsy fonitse. 17 Ie amy zao naho mete añ’arofo’ i mpanjakay,
te ho tsikaraheñe añ’ anjombam-panontona’ i mpanjaka e Baveley ty hatò’ te teo ze
o tsey nanoe’ i Korese mpanjaka, hamboareñe i anjomban’ Añahare e Ierosalaimey
zao, le ehe te hirahe’ i mpanjakay ama’ay ty satrin’ arofo’e amy rahay.

# 6

1 Aa le namantoke t’i Dariavese vaho nihotsohotsoeñe i anjombam-pañajan-
taratasiy, am-panontonam-bara e Bavele ao. 2 Le nitendrek’ amy anjomba e Akmetà
ao, amy faritane’ o nte-Madaioy ty boke-peleke, le sinokitse ama’e ao ty hoe: Ty
talily: 3 Amy taom-baloha’ i Korese, mpanjakay, le nanao tsey t’i Korese mpanjaka:
I anjomban’ Añahare e Ierosalaimey, te hamboareñe i anjombay, i fañengà’ iareo
soroñey naho añoreñañe fatratse o mananta’eo; ty haabo’e, kiho enempolo naho
ty ampohe’e, kiho enempolo; 4 naho firiritam-bato jabajaba, telo naho fidadañam-
bodan-katae vao, le ho tolorañe boak’ añ’ anjomba’ i mpanjakay ty drala’e; 5 le
ampolieñe ka o fanake volamena naho volafotin’ anjomban’ Añahare nakare’ i
Nebokadnetsare boak’ añ’ anjomba’e e Ierosalaime ao naho nendese’e mb’e Bavele
mb’eoo; hahereñe, songa an-toe’e añ’ anjomba e Ierosalaime vaho hapok’ amy
anjomban’ Añaharey. 6 Ie amy zao, ry Tatenay mpifelek’ alafe’ i Sakay naho
i Setar-botsenay naho o mpiama’ areo nte Afaresake alafe’ i Sakaio, ihalaviro;
7 apoho hanoeñe i fitoloñañe amy anjomban’ Añahareiy; le angao handranjy i
anjomban’ Añaharey an-toe’e eo ty mpifehe o nte-Iehodao naho o mpiaolo’ Iehodao.
8 Mbore tseizeko ty hanoa’ areo amo mpiaolo’ o nte-Iehoda mpamboatse i anjomban’

Añahareioo; te hatolotse am-pahimbañañe boak’ amo varam-panjaka amy haba
alafe’ i Sakaio am’ indaty rey ze drala paiae’e, vaho tsy ho sebañeñe. 9 Le ze
paia’ iareo, amo baniao naho o añondrilahio naho o vik’ añondrio, hisoroñañe amy
Andrianañaharen-dikerañey; vare-bolè, sira, divay naho menake. Le ze saontsi’
o mpisoroñe e Ierosalaimeo ty amahana’o aze boak’ andro boak’ andro vaho tsy
hilesa; 10 hañengàñe soroñe marifondrifoñe amy Andrianañaharen-dindiñey naho
ihalaliañe ty havelo’ i mpanjakay naho o anadahi’eo. 11 Tovoñako ty hoe te ze
mañova o entañe zao ro hañakarañe boda amy anjomba’ey, le honjoñen-dre hapitek’
ama’e; vaho hanoeñe votrim-porompotse i traño’ey; 12 vaho ehe te harotsan’ Añahare
nampimoneñe ty tahina’e ao ze mpanjaka ndra ondaty te hañity fitàñe hañova izay,
hampianto i anjomban’ Añahare e Ierosalaimey. Zaho Dariavese ty mitsey: ee t’ie
ho henefañe masìka.
13 Aa le nihavatse nitoloñe t’i Tatenay, mpifelek’ alafe’ i Sakay naho i Setar-
botsenay naho o mpiama’eo ty amy nampihitrife’ i Dariavese mpanjakay. 14 Le
nandranjy naho niraorao o mpiaolo-nte-Iehodao ty amy fitokia’ i Kagaý mpitoky naho
i Zekarià ana’ Idòy. Ie namboatse iereo ro nahafonitse i nandilian’ Añahare’ Israeley
naho nitseize’ i Korese naho i Dariavese naho i Artaksastà mpanjaka’ i Parase rey.
15 Le nifonitse amy andro fahatelo’ i volan-Kiahiaiy i anjombay, an-taom-paha-ene’ i
Dariavese, mpanjakay. 16 Le nitana’ o ana’ Israeleo naho o mpisoroñeo naho o nte-
Levio vaho ty ila’ o anam-pandrohizañeo am-pirebehañe ty fañorizañe i anjomban’
Añaharey, 17 ie nañenga añombelahy zato naho añondri-lahy roanjato naho vik’
añondry efa-jato amy fañorizañe i anjomban’ Añahareiy; le oselahy folo-ro’ amby
ho engan-kakeo’ Israele iaby, ty ami’ty ia’ i fifokoa’ Israele rey. 18 Le nalahatse
am-pirimboñañe o mpisoroñeo naho o nte-Levio, songa am-piosoña’e hitoroñe an’
Andrianañahare e Ierosalaime ao; ty amy sinokitse amy boke’ i Moseiy. 19 Le
nitana’ o anam-pandrohizañeo amy andro faha-folo-efats’ ambi’ i volam-baloha’eiy
i Fihelañ’ Amboney. 20 Le nitrao-pañeferañe o mpisoroñeo naho o nte-Levio;
songa nalio; le linenta’ iareo i fihelañ’ amboney ho amo anam-pandrohizañe iabio
naho o mpisoroñe roahalahi’ iareoo naho o vata’ iareoo. 21 Le songa nikama o
ana’ Israele nimpoly boak’ am-pandrohizañeo naho o nivìke ho am’ iereo boak’
ami’ty haleora’ o kilakila’ ondati’ i taneio, hipay IEHOVÀ Andrianañahare’ Israele,
22 naho nitana’ iareo an-kaehake fito andro i sabadida-mofo-tsi-aman-dalivaiy; amy
te nampinembanembañ’ iareo t’IEHOVÀ vaho nampitolihe’e am’ iereo ty arofo’ i
mpanjaka’ i Asorey; nampaozatse ty fità’ iareo amy fitoloñañe añ’ anjomban’
Añahare, Andrianañahare’ Israeley.

# 7

1 Ie añe, le teo tam-pifehea’ i Artaksastà, mpanjaka’ i Parasey, t’i Ezrà, ana’ i Seraià,
ana’ i Azarià, ana’ i Hilkià, 2 ana’ i Salome, ana’ i Tsadoke, ana’ i Akitobe, 3 ana’ i
Amarià, ana’ i Azarià, ana’ i Meraiote, 4 ana’ i Zerakià, ana’ i Ozý, ana’ i Boký, 5 ana’
i Abisoà, ana’ i Pinekase, ana’ i Elazare, ana’ i Aharone, mpisorom-bey; 6 nionjoñe
boake Bavele añe i Ezrà zay, ie mpanokitse mahimbañe amy Tsara’ i Mosè natolo’
IEHOVÀ Andrianañahare’ Israele azey; vaho hene nitolora’ i mpanjakay ze nihalalia’e
amy te tama’e ty fità’ IEHOVÀ Andrianañahare’e. 7 Nionjomb’e Ierosalaime mb’eo ty
ila’ o ana’ Israeleo naho o mpisoroñeo naho o nte-Levio naho o mpisaboo naho o
mpañambeñeo naho o Natolotseo* an-taom-paha-fito’ i Artaksastà, 8 le nivotrake e
Ierosalaime ao amy volam-paha-lime’ i taom-paha-fito’ i mpanjakaiy, 9 ie namototse
amy andro valoha’ i volam-baloha’ey ty fionjona’e boake Bavele añe le nitotsake e
Ierosalaime ao amy andro valoham-bolam-paha-limey ty amy fitàn-tsoan’ Añahare

* 7:7 Natolotse: Mpitoroñ’anjomban’Ahare

ama’ey. 10 Fa nihentseña’ i Ezra[†] añ’ arofo’e ao ty hitsoeke i Tsara’ IEHOVÀ naho ty
hañorik’ aze naho ty hañòha’e e Israele ao o fañè naho fepè’eo.
11 Le zao ty dika-hamban-taratasy natolo’ i Artaksastà mpanjaka amy Ezra
mpisoroñe, mpanokitse, toe nanokitse ty tsara’ o lili’ IEHOVÀo naho fañè’eo ho a
Israeley: 12 Artaksastà mpanjakam-panjaka, amy Ezra mpisoroñe, mpanoki-dilin’
Añaharen-dindiñey, fañanintsiñe. Ie henaneo 13 mikoi-dava raho te ze nte-Israele
naho o mpisoro’eo miharo amo nte-Levy am-pifeheako atoio, ze mañiriñe an-
tsatrin’ arofo’e ty hindre lia ama’o mb’e Ierosalaime mb’eo, le mionjona. 14 Amy
te nirahe’ i mpanjakay naho i mpanolo-keve’e fito rey ama’o, hañontane Iehoda
naho Ierosalaime ty amy lilin’ Añahare’o am-pità’oy; 15 naho ty hinday ty volamena
naho volafoty natolo’ i mpanjakay naho i mpanolo-keve’e rey an-tsatrin’ arofo mb’
aman’ Añahare’ Israele, mpimoneñe e Ierosalaime ao 16 naho ze hene volafoty
naho volamena ho zoe’o am-pifehea’ i Bavele ao, reketse ty engan-tsatrin’ arofo’
ondatio naho o mpisoroñeo, ie songa manolotse an-tsatri’e añ’ anjomban’ Añahare’e
e Ierosalaime ao; 17 aa le ho vilie’o an-kahimbañañe amy volay o baniao, o
añondrilahio, o vik’añondrio, mindre amo enga-mahakama’eo naho o enga-rano’eo
ie hisoroña’o amy kitrelin’ Anjomban’ Añahare’ areo e Ierosalaimey. 18 Le ze atao’o
naho o rahalahi’o ho soa anoeñe ami’ty sisa’ i volafoty naho volamenay; le ano ty
amy satrin’ arofon’ Añahare’ areo. 19 Natolotse azo ho amy fitoroñañe i anjomban’
Añahare’oy ka o fanakeo, aseseo añatrefan’ Añahare’ Ierosalaime ao. 20 Aa ze
tovo’e ho paiañe amy anjomban’ Añahare’oy, ze oni’o te azo tolorañe, le itoloro
boak’ an-trañom-panontonam-baram-panjaka ao. 21 Le zaho, eka zaho Artaksastà
mpanjaka, ty mitsey amy ze hene mpamandrom-bara alafe’ i Sakay añe, te ze paia’
i Ezrà mpisoroñe, mpanoki-dilin’ Añaharen-dindiñey ama’ areo, le hanoeñe an-
kahimbañañe, 22 pak’ ami’ ty volafoty zato talenta naho ty vare-bolè zato kore
naho ty divay zato bate naho ty menake zato bate vaho ty sira tsy amañ-iake.
23 Ze lilie’ i Andriananañaharen-dikerañey, le ano am-pilozohañe amy anjomban’
Añaharen-dindiñey, soa tsy ho an-kaviñerañe ty fifehea’ i mpanjakay naho o ana’eo.
24 Le afantok’ ama’ areo ty amo mpisoroñeo naho o nte-Levio, o mpisaboo, o
mpañambeñeo, o mpitoroñeo naho o mpitoloñ’ añ’ anjomban’ Añahareo, te faly
ty ipaiañe rorotse, ndra fondro ndra haba. 25 Aa Ihe Ezrà, ty amy hihin’ Añahare’o
am-pità’oy, le ampijadoño mpandily naho mpizaka, hahafizaka ondaty alafe’ i sakay
añe iabio, ze hene mahafohiñe o lilin’ Añahare’oo; le anaro ze mboe tsy mahafohiñe.
26 Le ze tsy mete mañorike o lilin’ Añahare’oo naho ty lilim-panjaka, le afetsaho ama’e
aniany ty zaka, ke t’ie havetrake, he hasese, hera hañafahañe vara, ke harohy.
27 Andriañeñe t’IEHOVÀ Andriananañaharen-droaentikañe, te najo’e añ’arofo’ i
mpanjakay, hampisomontie’e ty anjomba’ IEHOVÀ e Ierosalaime ao; 28 vaho nañitrike
fiferenaiñañe amako añ’ atrefa’ i mpanjakay naho o mpanolo-keve’eo naho o
roandriañe fatratse iabio. Le nampaozatse ahy te tamako ty fità’ IEHOVÀ Andria-
nañahareko vaho namoriako mpiaolo ondaty boak’ Israele ao hitraok’ amako
hionjoñe mb’eo.

# 8

1 Irezao ro mpiaolon-droae naho ty fiantoño’ o nindre amako boak’ am-pifehea’
i Artaksastà mpanjaka, nionjomb’eo boake Baveleo: 2 Tamo ana’ i Pinekaseo: i
Gersome; amo ana’ Itamareo, i Daniele; tamo ana’ i Davideo, i Hatose. 3 Tamo ana’
i Sekaniào, amo ana’ i Paroseo, i Zekarià reketse ty zato-tsi-limampolo nivolilieñe
ami’ty fiantoño’ o lahilahio. 4 Tamo ana’ i Pakate-moabeo; i Elihoenay ana’ i Zerakià
reketse ty lahilahy roanjato. 5 Tamo ana’ i Sekaniào, i Zatò, ana’ Iakaziele, reketse ty

[†] **7:10** Ezra: Olotse, Imba

lahilahy telonjato. 6 Le tamo ana’ i Adineo, i Ebede ana’ Ionatane, reketse ty lahilahy
limampolo. 7 Le tamo ana’ i Elameo, Iesaia ana’ i Atalia, reketse ty lahilahy fitompolo.
8 Le tamo ana’ i Sefatiào, i Zebadià, ana’ i Mikaele, reketse ty lahilahy valompolo.
9 Tamo ana’ Ioabeo, i Obadià, ana’ Iekiele, reketse ty lahilahy roanjato-tsi-folo-valo’
amby. 10 Le tamo ana’ i Banio, i Selomite, ana’ Iosifià, rekets ty lahilahy zato-tsi-
enempolo. 11 Le tamo ana’ i Bebaio; i Zekarià, ana’ i Bebay, reketse ty lahilahy
roapolo-valo’ amby. 12 Le tamo ana’ i Azgadeo; Iohanane, ana’ i Hakatane, reketse
ty lahilahy zato-tsi-folo. 13 Le tamo ana’ i Adonikameo, o tsitso’eo; zao o tahina’eo,
i Elifelete, Ieiele naho i Semaià, reketse ty lahilahy enempolo. 14 Le tamo ana’ i
Bigvaio, i Otay naho i Zakore, reketse ty lahilahy fitompolo. 15 Le hene natontoko
amy saka mivariñe mb’e Ahava mb’eoy; naho nitobe eo telo andro, nisary ondatio
naho o mpisoroñeo fe leo raik’ amo nte-Levio tsy nizoeñe ao. 16 Aa le tinokako t’i
Eliezere, i Ariele, i Semaià naho i Elnatane naho Iaribe naho i Elnatane naho i Natane
naho i Zekarià naho i Mesolame, mpiaolo; naho Ioiaribe vaho i Elnatane, mpañoke.
17 Le nafantoko am’iareo ty homb’ amy Ido mpiaolo mb’an-toetse atao Kasifia naho
vinolako am’iereo ty ho asa’ iareo amy Ido naho amo rahalahi’e mitoroñe an-toe’ i
Kasifiao, ty hinday mpitoroñe mb’amy anjomban’ Añaharey. 18 Aa ty am-pitàn-tsoan’
Añahare’ay ama’ay le nandesa’ iareo ondaty mahihitse, ty ana’ i Maklý, ana’ i Levy,
ana’ Israele, toe i Serebià rekets’ o ana’eo naho o rahalahi’eo, folo-valo’ amby; 19 naho
i Kasabià; le nindre ama’e t’Iesaià tamo ana’ i Merario, o rahalahy naho ana-dahi’
iareoo, roapolo; 20 vaho tamo nte-Natoneo*, o natolo’ i Davide naho o roandriañeo
am-pitoroñañe o nte-Levio; nte-Natone roan-jato-tsi-roapolo songa tinoñoñe amy
tahina’ey.

21 Aa le nitsey fililiran-draho an-tsaka Ahavà eo, hiambanea’ay añatrefan’
Añahare’ay, hipay ama’e ty lalan-tsoa ho anay naho o keleia’aio vaho o vara’ay
iabio. 22 Fa ho nisalatse raho te nihalaly firimboñan-dahindefoñe naho mpiningi-
tsoavala amy mpanjakay, hañolora’e anay amo malaso an-dalañeo; ie fa nisaontsy
amy mpanjakay, ty hoe: Ty fitàn’ Añahare’ay ro amo mipay aze iabio ho an-kasoa;
fe atreatré’e an-kaozarañe naho an-kaviñerañe o mamorintseñe azeo. 23 Aa le ie ty
nililira’ay te nitsoek’ an’ Andrianañahare’ay; vaho vinale’e i halali’aiy.

24 Aa le navìko ty mpiaolom-pisoroñe folo-ro’amby—i Serebià naho i Kasabià vaho
ty folo amo longo’ iareoo. 25 Le linanjako am’ iereo i volafotiy naho i volamenay
naho o fanakeo, i nengae’ i mpanjakay naho o mpanolo-keve’eo naho o roandria’eo
naho o nte-Israele teo iabio, amy anjomban’ Añahare’aiy. 26 Eka, linanjako am-pità’
iareo ty volafoty talenta enen-jato-tsi-limampolo naho ty fanake volafoty talenta zato
naho ty volamena talenta zato; 27 naho koveta volamena roapolo, vilin-drala arivo;
naho fanake roe an-torisike mikinokinoke, mañeva volamena. 28 Le hoe ty asako am’
iereo, Miavake ho amy IEHOVÀ nahareo, miavake ka o fanakeo; vaho nengaeñe an-
tsatrin’ arofo am’ IEHOVÀ Andrianañaharen-droae’ areo i volafotiy naho i volamenay.
29 Ijilovo naho ambeno ampara’ t’ie lanjae’ areo amo mpiaolom-pisoroñeo naho
amo nte-Levio naho amo roandrian’ anjomban-droae’ Israeleo e Ierosalaime añ’efen’
anjomba’ IEHOVÀ ao. 30 Aa le rinambe’ i mpisoroñe naho nte-Levy rey i volafoty
naho volamena linanjay naho o fanakeo hendesa’ iareo mb’e Ierosalaime añe mb’añ’
anjomban’ Añahare’ay mb’eo.

31 Aa le nienga i saka Ahavay zahay amy andro faha folo-ro’ambi’ i volam-
baloha’eiy nionjone mb’e Ierosalaime mb’eo; naho tama’ay ty fitàn’Añahare’ay vaho
rinomba’e am-pitàn-drafelahi’ay naho amy ze niampitse an-dalañe, 32 le nivotrake
e Ierosalaime ao vaho nitofa telo andro. 33 Ie amy andro fahefatsey le nandanja
i volafotiy naho i volamenay naho o fanakeo, añ’anjomban’ Añahare’ay am-pità’

* 8:20 Natone: mpitoroñe

i Meremote, ana' i Orià mpisoroñe; nindre tama'e t'i Elazare, ana' i Pinekase;
le nimpiama' iareo t'Iozabade ana' Iesoà naho i Noadià, ana' i Binoy, songa nte-
Levy; 34 ie iaby ami'ty ia'e naho an-danja'e; le sinokitse henane zay iaby i lanja'ey.
35 Nañenga soroñe aman' Añahare' Israele o anam-pandrohizañe niboak' am-
paneseañeo, bania folo-ro'amby ho a Israele iaby, añondrilahy sivampolo-eneñ'
amby, vik'añondry fitompolo-fito' amby vaho oselahy folo-ro'amby ho engan-kakeo;
hene nisoroñañe am' IEHOVÀ. 36 Le natolo' iareo amo mpizaka' i mpanjakaio naho
amo mpifehe alafe' i Sakaio i nampañitrifañey, vaho nimbae' iereo ondatio naho i
anjomban' Añaharey.

# 9

1 Aa ie niheneke, le niheo mb' amako mb'eo o roandriañeo nanao ty hoe: Mboe tsy
miavak' am'ondati' o taneo o nte-Israeleo naho o mpisoroñeo vaho o nte-Levio, ty
amo haloloa' o nte-Kanàneo, o nte-Kiteo, o nte Perizeo, o nte-Iebosio, o nte-Amoneo,
o nte-Moabeo, o nte-Mitsraimeo vaho o nte-Amoreo. 2 Ie nañenga amo anak' ampela'
iareoo ho am-bata'e naho ho amo ana-dahi'eo; aa le mitraok' am'ondati' i taneio i
tiry miavakey; eka, toe lohà'e amy tsy figahiñañe zay ty fità' o roandriañeo naho o
mpiaoloo. 3 Ie nahatsanoñe zay raho le riniako i sarokoy naho i sarimbokoy naho
nañonotse ty volon-dohako naho ty somako vaho nitoboke an-kasalarañe. 4 Nivory
amako ze hene mpinevenevetse amo tsaran' Añahare' Israeleo ty amy tsy figahiña' o
tam-pandrohizañeo; le nitoboke eo avao raho ami'ty hadabàko ampara' i fisoroñan-
karivay.

5 Le niongak' amy fisoroñan-karivay raho, ie riatse i sarokoy naho i sarim-
bokoy; le nivarahotrak' añ'ongoko eo nañiti-tàñañe amy IEHOVÀ Andrianañahareko
6 nanao ty hoe: O Andrianañahareko, salatse raho, meñatse tsy mahaandra'
tarehe ama'o, ry Andrianañahareko; fa mitoabotse am-bonen' añambone'ay ey
o hakeo'aio vaho mitombo pak' an-dikerañe añe o tahi'aio. 7 Toe niliforen-
kakeo tañ' andron-droae'ay ampara henaneo zahay, le o tahi'aio ty nanolorañe
anay naho o mpanjaka'aio naho o mpisoro'aio am-pitàm-panjaka' o taneo; am-
pibara, an-drohy, am-pikopafañe naho an-kasalaran-daharañe manahake androany.
8 Ie vaho anianike te nihelañe eo ty fitretreza' IEHOVÀ Andrianañahare'ay, nanisa
ama'ay ty sehanga'e nipolititse, hitolora'e ty fantake an-toe'e miavakey, hañazavàn'
Añahare'ay o fihaino'aio hampisotratsotrake anay amo rohi'aio. 9 Toe fetrek' oron-
jahay; fe tsy naforintsen' Añahare'ay amy fandrohizañey, te mone niferenaiña'e
am-pahaoniña' o mpanjaka' i Paraseo, hanolora'e fañavaòañe hampitroara'ay ty
anjomban' Añahare'ay, hampijohaña'ay o nianto ama'eo vaho nitolora'e kijolim-
piarovañe e Iehodà naho e Ierosalaime ao. 10 Aa ie henanekeo ry Andrianañahare'ay,
ino ty hanoe'ay? kanao nifarie'ay o lili'oo, 11 o nandilia'o añamo mpitoky mpitoro'oo,
ami' ty hoe: Toe tane maleotse i tane ionjona' areo ho tavaneñey, amo haleora'
ondati' i taneio, amo haloloa' iareoo; ie nampipeà' iareo ama'e ty hativà' iareo boak'
añ'efe'e sikal' añ'ilae'e añe. 12 Ie amy zao ko atolo' areo amo ana-dahi' iareoo o anak'
ampela' areoo naho ko ampañenga' areo o anak' ampela' iareoo o ana-dahi' areoo;
ko ipaia' areo kitro-katroke ty fanintsiñañe ndra ty firaoraoañe; soa te ho fatratse
nahareo hikama ty hasoa o taneo, hampandovà' areo aze amo ana' areoo nainai'e.
13 Aa i hene nifetsak' ama'ay ty amo sata-rati'aio naho o halòn-kakeo' aioy naho te ihe,
Andrianañahare'ay tsy nandafa anay mañeva o tahi'aio vaho natolo'o o sehanga'e
zao, 14 aa vaho hivalik' amo lili'oo indraike zahay, hifanambaly am'ondaty mpanao
i halò-tsere'e rezay? Tsy hiviñera'o ampara' te nimongore'o, tsy aman-tsehanga'e,
leo raike tsy hahapolititse? 15 Vantan-dRehe ry IEHOVÀ Andrianañahare' Israele; fa

nanisàñe ama'ay o nahapolititseo, ie o androanio; hehe te miatrek' Azo an-kakeo; leo raike tsy hahafitroatse añatrefa'o ty amo raha zao.

# 10

1 Ie nihalaly naho nisoloho, nangolololoike naho nidrakadrakak' añ'atrefan' anjomban' Añahare eo t'i Ezra, le nifanontoñe ama'e boak' Israele ao ty valobohò-bey, lahilahy naho rakemba naho ajaja, songa nangoihoy ty rovetse. 2 Aa le nanoiñe t'i
Sekanaià ana' Iehiele, amo ana' i Elameo, ty hoe amy Ezra: Fa nampipitso-patokisañe aman' Añahare'ay zahay, ie nañenga ampela ankafankafa am' ondati' ty tane toio; fe amam-pitamañe t'Israele henane zao ndra te eo izay. 3 Antao arè hifañina aman'
Añaharen-tikañe hanasa valy rekets' o nisamak' ama'eo, ty amy nañereta' i Talè naho ty amo minevenevetse amy lilin' Añaharen-tikañeio; le ehe t'ie hanoeñe an-Kàke. 4 Miongaha, ama'o o raha zao vaho mpiama'o zahay; mihafatrara le anò.
5 Niongak' amy zao t'i Ezra, nampifanta o mpiaolom-pisoroñeo naho o nte-Levio naho Israele iaby, hanoa' iereo i nisaontsieñey. Le nifanta iereo.

6 Aa le niavotse boak' añatrefan' Anjomban' Añahare eo t'i Ezra, nizilik' añ' efe' Iehohanane ana' i Eliasibe ao; tsy nikama rano ndra mahakama t'ie tao, ami'ty fandalà'e i tsy fatokisa' o tam-pandrohizañeo. 7 Aa le nanitsike Iehoda naho
Ierosalaime iereo nanao koim-bohitse amo anam-pandrohizañe iabio hifanontoñe e Ierosalaime ao; 8 le ze tsy nitsatoke eo añate' ty telo andro, ty amy fañereta' o roandriañeo naho o mpiaoloo, le hafahañe ama'e iaby o vara'eo, le haitoañe amy fivorin-tam-pandrohizañey. 9 Aa le nifanontoñe e Ierosalaime ao añate' i telo
andro rezay ze hene lahilahi' Iehoda naho i Beniamine, amy volam-paha-sivey, amy andro faha-roapolo' i volañeiy; le songa niambesatse amy tameañe aolo' i anjomban' Añahareiy ondatio, sindre nitititititike ty amy raha zay naho amy oram-bey. 10 Niongak'
amy zao t'i Ezra mpitoky, le nanoa'e ty hoe: Fa nampipitso-patokisañe nahareo naho fa nañenga ampela ambahiny, hampitoabotse ty hakeo' Israele. 11 Aa le misolohoa
am' IEHOVÀ Andriananañaharen-droae' areo, le ano ty satrin' arofo'e; vaho miavaha am' ondati' i taneio naho amo rakemba ambahinio. 12 Le nanoiñe am-peo mafe i
fivoriy, ami'ty hoe: Tsy mete tsy hanoe'ay i nitaroñe'oy. 13 Fe maro ondatio, le orambey ty eo henaneo naho tsy mahafijohañe an-tamean-jahay vaho tsy fitoloñan' andro roe ndra raike o raha zao; amy te bey ty tahi'ay amy rahay. 14 Ee te hiongak' amy zao o
mpiaolom-balobohòkeo, songa hiheo mb' atoy ami' ty andro tinendre, o an-drova'ay nañenga ampela ambahinio vaho sindre hindrezam-piaolo naho mpizaka boak' amy rova'ey, ampara' te mitolike ty haviñeran' Añaharen-tika miforoforo aman-tikañe, ty amo raha zao.

15 Ionatane, ana' i Asahele naho Iakzeià ana' i Tikvà avao ty nandietse i rahay le nañolotse iareo t'i Mesolame naho i Sabetày, nte-Levy. 16 Fe nanoe' o anampandrohizañeo zay. Le nivike t'i Ezra, mpisoroñe, reketse ty mpiaolo ila' o anjomban-droae'eo, sindre anjomban-droae, songa ondaty amy tahina'ey, niambesatse amy andro valoha' i volam-paha-foloy hitsikarake i rahay. 17 Le nitsitsihe' iareo ondaty nañenga rakemba ambahinio ampara' ty andro valoha' i volam-baloha'ey. 18 Le o nizoeñe te nanambaly ampela hafa amo anam-pisoroñeoo: amo ana' Iesoa, o ana' Iozadakeo, le amo rahalahi'eo: i Maaseià naho i Eliezere naho Iaribe vaho i
Gedalià, 19 songa nanolo-pitàñe hifanarake amo vali'eo; aa ty amy tahi' iareoy le songa nañefa añondrilahy boak' an-dia-raik' ao, ho amy hakeo'ey. 20 Naho amo ana'
Imereo; i Kananý naho i Zebadià. 21 Naho amo ana' i Karimeo, i Maaseià naho i Eliià
naho i Semaià naho Iekiele naho i Ozià. 22 Naho amo ana' i Pasoreo; i Elioenay, i
Maaseià, Ismaele, i Netanile, Iozabade vaho i Elasà. 23 Le amo nte-Levio: Iozabade
naho i Shimey naho i Kelaia (toe Kelità), i Petahià, Iehoda vaho i Eliezere. 24 Le amo

mpisaboo: i Eliasibe; naho amo mpañambeñeo, i Salome naho i Teleme vaho i Orý.
25 Naho am' Israele: amo ana' i Paroseo; i Ramià naho Iezià naho i Malkià naho i
Miamine naho i Elazare naho i Malkià vaho i Benaià. 26 Naho amo ana' i Elameo: i
Matanià, i Zekarià naho Iekiele naho i Abdý naho Ieremote vaho i Elià. 27 Naho amo
ana' i Zatòo: i Elioenay, i Eliasibe, i Matanià naho Ieremote naho i Zabade vaho i
Azizà. 28 Naho amo ana' i Bebaio: Iehokanane, i Kananià, i Zabay, i Atlay. 29 Naho
amo ana' i Baný; i Mesolame, i Maloke, i Adaià, Iasobe, i Seale vaho i Ramote. 30 Naho
amo ana' i Pakate-moabeo; i Adnà, i Kelale, i Benaià, i Maaseià, i Matanià, i Bezalile
naho i Binoý vaho i Menasè. 31 Naho amo ana' i Karimeo: i Eliezere, Isiià, i Malkià, i
Semaià, i Simeone, 32 i Beniamine, i Maloke vaho i Semairà. 33 Amo ana' i Kasomeo;
i Matenaý, i Matatà, i Zabade, i Elifelete, Ieremaý, i Menasè , i Simeý. 34 Amo ana'
i Banio: i Maadaý, i Amrame naho i Oele; 35 i Benaià, i Bedeià, i Keloho; 36 i Vanià,
i Meremote, i Eliasibe, 37 i Matanià, i Matenaý naho Iaasaý; 38 naho i Baný naho i
Binoý, i Simey; 39 i Selemià naho i Natane naho i Adaià; 40 i Maknadebaý, i Sasay, i
Saray; 41 i Azarele naho i Selemià, i Semarià; 42 i Salome, i Amarià, Iosefe. 43 Amo
ana' i Nebo: Ieiele, i Matitià, i Zabade, i Zebinà, Iadaý naho Ioele, i Benaià. 44 Fonga
nangala-baly ambahiny; le am' iereo o rakemba fa nisamak' anakeo.

# Nekemia

1 Ty enta’ i Nekemià*, ana’ i Hakalià†. Ie tamy volan-tsafarin-taom-paha-roapoloy,
zaho e Sosane añ’ anjomba’ i mpanjakay, 2 te pok’eo t’i Kananý, raik’ amo rahalahikoo
naho ondaty boak’ Iehodào; le nañontaneako o nte-Iehodà nahapolititse, nahafifeake
i fandrohizañeio vaho Ierosalaime. 3 Le nanoa’ iareo ty hoe, Vata’e misotry naho
injeñe o sehanga’e nisisam-pandrohizañe amy borizàñeio; naho narotsak’ ambane
ty kijoli’ Ierosalaime vaho niforototoen’ afo o lalambeio. 4 Ie tsinanoko i entañe
zay, le nitoboke naho nitañy naho nandala handro an-kandro naho nililitse vaho
nisoloho añatrefan’ Añaharen-dindiñey 5 nanao ty hoe, Mihalaly ama’o raho ry
IEHOVÀ Andrianañaharen-dindimoneñeo, Andrianañahare jabahinake vaho mam-
pañeveñe, mpitàm-pañina naho fiferenaiñañe amo mikoko Aze vaho mañambeñe
o lili’eoo. 6 Ehe te hañaoñe o ravembia’oo henaneo naho hisokake o fihaino’oo
hahafijanjiña’o ty halalim-pitoro’o mitaroñe o ana’ Israele mpitoro’oo ama’o handro
an-kaleñe, isolohoako o hakeon’ ana’ Israele nililare’ay ama’oo; songa aman-tahiñe,
zaho naho ty anjomban-droaeko. 7 F’ie toe nimengok’ ama’o, tsy norihe’ay o lili’oo,
o fañè’oo vaho o fepètse linili’o añamy Mosèo. 8 Ehe tiahio ty tsara nampandilie’o
i Mosè ami’ty hoe: Naho mandilatse nahareo, le haparaitako amo kilakila’ondatio
añe; 9 f’ie naho mitolik’ amako, mañambeñe o lilikoo vaho anoeñe; le ndra te ama’
areo ty nahifike amparan-dikerañe añe, mbe hatontoko boak’ añe vaho hindeseko
mb’ amy toetse jinoboko hampipohako ty añarakoy mb’etoy.
10 Ie toe mpitoro’o naho ondati’o, jineba’o an-kaozarañe ra’elahy naho an-
kafatraram-pità’o. 11 O Talè, idrakadrakafako, ehe te ho haoñen-dravembia’o
ty halalim-pitoro’o toy naho o halalim-pitoro’o mañeveñe amy tahina’oy an-
kafaleañeo; le ehe, ampiraoraò ty mpitoro’o te anito, le iferenaiño añatrefa’ indatiy.
Zaho henane zay nimpitàm-pitovi’ i mpanjakay.

## 2

1 Ie tamy volan-kofahofa an-taom-paha-roapolo’ i Artaksastà, mpanjakay, naho
aolo’e eo ty divay, le rinambeko i divaiy vaho nazotsoko amy mpanjakay. Aa
kanao mbe liako tsy nimonjetse añatrefa’e eo, 2 le hoe i mpanjakay tamako, Ino ty
mampanjokòke o lahara’oo, ihe tsy siloke? Tsi’ inoñe zao naho tsy ty hakoretan’
arofo. Aa le vata’e nihemban-draho, 3 le hoe ty asako amy mpanjakay, Ee te ho
veloñe nainai’e i mpanjakay; ino ty tsy hahalonjetse ty tareheko, kanao nadoke
mangoakoake i rovay, i toen-kiborin-droaekoy vaho tinomonto’ ty afo o lalambei’eo?
4 Le hoe i mpanjakay tamako, Ino o ihalalia’oo? Aa le nihalaly aman’ Añaharen-
dikeran-draho, 5 vaho nanao ty hoe amy mpanjakay, Naho mahafale i mpanjakay
vaho nanjo fañisohañe am-pahaisaha’o ty mpitoro’o, le hañiraha’o mb’e Iehoda mb’
an-drovan-kiborin-droaeko mb’eo hañamboats’ aze. 6 Le hoe i mpanjakay tamako,
ie niambesatse añ’ila’e eo i mpanjaka’ ampelay, Akore ty halava’ i lia’oy, ombia
rehe te hibalike? Aa le ninò’ i mpanjakay ty hampihitrik’ ahy; le namantañako
andro. 7 Tinovoko ty hoe amy mpanjakay, Naho mahafale’ i mpanjakay, le ho
tolora’e taratasy ho amo mpifehe alafe’ i Sakaio, hanese ahy hitsake mb’eo ampara’
ty hivotrahako e Iehodà añe 8 naho ty taratasy ho amy Asafe, mpañambeñe ty
ala’ i mpanjakay, hitolora’e bodan-katae hamboarako o fahan-dalambein-kijolin’
anjombao naho ho ami’ty kijoli’ i rovay vaho ho ami’ty anjomba himoahako. Le
natolo’ i mpanjakay ahiko zay, ty amy fitàn-tsoan’ Añahareko amakoy.

* 1:1 Nekemià: Fañohòñe; fisolohoañe am’Ià † 1:1 Hakalià: ty fiheora’ i Talè

9 Aa le niheoveko o mpifehe alafe' i Sakaio vaho natoloko iareo o taratasi' i
mpanjakaio. Ie amy zao fa nampihitrike mpifehen-dahin-defoñe naho mpiningi-
tsoavala hindre amako i mpanjakay. 10 Ie napota' i Sanbalate nte-Koronaime naho
i Tobià nte-Amone, mpitoroñe, le vata'e niboseke te nivotrake eo t'indaty mipay
hañasoa o ana' Israeleo. 11 Aa le nandoake e Ierosalaime ao raho naho nitobok' ao
telo andro, 12 naho nitroatse haleñe, rekets' ondaty tsiampeampe; vaho tsy natoroko
ondatio heike ty najon' Añahareko an-troko ao hanoeko ho a Ierosalaime; le tsy
amam-biby raho naho tsy i borìke nijoñakoy. 13 Niavotse haleñe raho niakatse i
lalam-beim-bavataney mb' amy vovom-pañaneñey mb'eo naho mb' amy lalam-bein-
ditsakey nisary o kijoli' Ierosalaime nikoromakeo naho o lalambei'e niforototoen'
afoo. 14 Le tinonjohiko mb' an-dalambein-drano migoangoam-beo naho mb' amy
antaram-panjakay mb'eo, fe tsy teo ty homba' i biby niningerekoy. 15 Le nionjomb'
amy torahañey mb'eo amy haleñey, nisary i kijoliy naho nibalike nimoak' amy
lalambeim-bavataney vaho nimpoly. 16 Tsy napota' o mpifeheo ty nombako, ndra ty
nanoeko; ie mboe tsy nitalilieko o nte-Iehodao ndra o mpisoroñeo ndra o roandriañeo
ndra o mpifeheo ndra o ila'e nanao i fitoloñañeio. 17 Le hoe raho am' iereo: Oni' areo
ty falovilovian-tika, ie mangoakoake t'Ierosalaime naho nitomontoñen' afo o lalam-
bei'eo; antao hamboatse ty kijoli' Ierosalaime soa t'ie tsy hinjeñe ka. 18 Le nitaroñeko
am' iereo te nañasoa ahy ty fitàn' Añahareko; naho o saontsi' i mpanjakay amakoo.
Aa le hoe iereo, Antao hiongake, hamboatse. Aa le nihaozare' iareo fitàñe ho ami'ty
hasoa. 19 F'ie napota' i Sanbalate nte Koronaime naho i Tobià nte Amone, mpitoroñe
naho i Geseme nte-Arabe, le niankahafa' iareo an-drabioñe naho nimavoe' iereo
ami'ty hoe: Ino o anoe' areo zao? Hiola amy mpanjakay v'inahareoo? 20 Aa le tinoiko
ty hoe; I Andrianañaharen-dindiñey ty hañonjoñe anay; aa le hiongake hamboatse
zahay mpitoro'e fe tsy aman' anjara ndra zo ndra tiahy e Ierosalaime ao nahareo.

# 3

1 Niongak' amy zao t'i Eliasibe rekets' o rahalahi'e mpisoroñeo, le niranjie'
iareo i lalambein' Añondriy; navahe' iereo naho natroa' iareo o lala'eo; navahe'
iareo pak'am-pitalakesañ' abo' i Meà eo, sikal' amy fitalakesañabo' i Kanàneley.
2 Nifañefetse am' iereo o nte-Ierikoo t'ie namboatse; le nioza am' iereo ty namboare'
i Zakore, ana' Imrý. 3 Nandranjy i lalambeim-piañey o ana' i Hasenào, le hene
namboare' iereo o faha'eo naho nampitroatse o lala'eo naho o tolà'eo vaho o
sikada'eo. 4 Nanonjohy iareo ty namboare' i Meremote, ana' i Oriià, ana' i Hakotse.
Le nifanoiñe am' iereo ty namboare' i Mesolame, ana' i Berekià, ana' i Mesezabele.
Le nifanoiñ' am' iareo ty namboare' i Tsadoke, ana' i Baanà. 5 Nañorike iereo o
nte-Tekoào, le namboatse, fe tsy najò' o roandria' iareoo amy tolon-draha' i Talèy ty
fititia' iareo. 6 Le namboare' Ioiadà, ana' i Paseà naho i Mesolàme, ana' i Besodeià
i lalambei' i rova haehaey; napeta' iareo o faha'eo, le natroa' iareo o lala'eo naho
o tolà'eo vaho o sikada'eo. 7 Nifanoiñ' am' iereo ty namboare' i Melatià nte-Gibone
naho Iadone nte-Merenote naho o nte-Giboneo vaho o nte-Mitspào, nimpitoroñe o
mpiami' bein-tanañe alafe' i sakay atoio. 8 Nifanoiñ' ama'e ty namboare' i Oziele,
ana' i Karhaià, amo mpanefe volamenao, le nanonjohy aze ty namboare' i Kananià,
ana' o mpanao rano-mañitseo, le nihafatrare' iereo t'Ierosalaime pak' amy kijoly
mangadagadañey. 9 Nanonjohy aze namboatse t'i Refaià ana' i Kore, ty mpifele' ty
vakim-pifehea' Ierosalaime. 10 Nanonjohy aze namboatse t'Iedaià ana' i Karomafe,
tandrife' i anjomba'ey. Le nanonjohy aze namboatse t'i Katose ana' i Kasabneà.
11 Le namboare' i Malkià, ana' i Karime naho i Kasobe, ana' i Pakate-moabe, ty
fange'e raike vaho i fitalakesañ' abon-toñakey. 12 Nanonjohy aze namboatse t'i
Salome, ana' i Halokese, mpifehe' ty vakim-pifehea' Ierosalaime, ie naho o anak'

ampela'eo. 13 Namboatse i lalambeim-bavataney t'i Kanone naho o nte-Zanoakeo;
niranjie' iereo naho natroa' iareo o lala'eo, o tolà'eo, o sikada'eo, reketse ty kiho
arivo amy kijoliy pak' an-dalambeim-porompotse eo. 14 Le namboare' i Malkià ana'
i Rekabe, mpifehe am-paripari' i Betehakereme i lalambeim-porompotsey; niranjie'e
le najado'e o lala'eo, o tolà'eo vaho o sikada'eo. 15 Le namboare' i Salome, ana'
i Kolkozè, mpifehe' ty fifehea' i Mitspà i lalambein-drano migoangoañey; rinanji'e
naho nitafoe'e naho najado'e o lala'eo, o tolà'eo vaho o sikada'eo; naho ty kijolin'
antara' i Siloake an-golobo' i mpanjakay, pak' amy fanongàñe mizotso boak' an-
drova' i Davidey. 16 Nanonjohy aze t'i Nekemià, ana' i Azboke, mpifehe ty vakim-
pifehea' i Bete-tsore, namboatse ampara' t'ie nifanandrife amo kibori' i Davideo,
pak' amy antara namboareñey vaho mb' amy anjombam-panalolahiy. 17 Nanonjohy
aze namboatse o nte-Levio, i Rekome ana' i Baný. Nanonjohy aze t'i Kasbià,
mpifehe' ty vakim-pifehea' i Keilà, namboatse ho a i fifehea'ey. 18 Nanonjohy aze
namboatse o rahalahi' iareoo, i Bavaý ana' i Kenadade, ty mpifehe' ty vakim-pifehea'
i Keilà. 19 Nanonjohy aze ty namboare' i Ezere, ana' Iesòa, mpifehe' i Mitspà: ty
fange'e tandrife' i fitroarañe mb' amy fañajam-pialiañey amy fiolahañey mb'eo.
20 Nanonjohy aze an-kahimbañañe t'i Baroke, ana' i Zabày: namboatse ty ila' i
fiolahañey pak' amy lala' ty anjomba' i Eliasibe mpisorombeiy. 21 Nanonjohy aze
t'i Meremote, ana' i Oriià, ana' i Hakotse, namboatse ty fange tovo'e boak' an-dala'
i Eliasibey pak' am-para' i anjomba' i Eliasibey. 22 Nanonjohy aze namboatse o
mpisoroñeo, ondaty nte-montoñeo. 23 Nanonjohy aze t'i Beniamine naho i Kasobe
namboatse tandrife ty anjomba' iareo eo. Nanonjohy iareo t'i Azarià ana' i Maaseià
ana' i Ananià namboatse añ' ila' i anjomba'ey. 24 Nanonjohy aze t'i Binoý ana'
i Kenadade, namboatse ty fange tovo'e boak' añ' anjomba' i Azarià ampara' i
fiolahañey pak' an-kotso'e eo. 25 Le i Palale ana' i Ozay, tandrife i fiolahañey naho i
fitalakesañ' abo miboak' ami'ty anjomba ambone' i mpanjakaiy, añ'ila' ty kiririsam-
porozò eo. Nanonjohy aze t'i Pedaià ana' i Parose. 26 O mpitoroñ' anjomban' Añahare
nimoneñe e Ofeleo, ty namboatse tandrife ty lalambein-drano maniñana naho i
fitalakesañ' abo maningìy. 27 Nanonjohy iareo, namboare' o nte-Tekoao ty fange'e
tandrife i fitalakesañ' abo jabajaba maningìy, pak' amy kijoli' i Ofeley. 28 Ambone' i
lalam-bein-tsoavalay ty namboare' o mpisoroñeo, songa tandrife ty anjomba'e. 29 Le
nañorike iareo namboatse tandrife i anjomba'ey t'i Tsadoke ana' Imere. Nanonjohy
aze ty namboare' i Semaià ana' i Sekanià, mpañambeñe i lalam-bey atiñanañey.
30 Nanonjohy aze namboatse ty fange tovo'e t'i Kananià ana' i Selemià naho i Kanone
ty ana-dahy fah'ene' i Tsalafe. Nanonjohy eo t'i Mesolame, ana' i Berekià namboatse
tandrife i akiba'ey. 31 Nanonjohy aze t'i Malakià, raik' amo mpanefe volamenao,
namboatse pak'amy fange' o mpitoroñ' anjombao naho o mpanao balikeoy, aolo'
i lalam-beim-pisavañe eo pak' amy efetse ambone' i kotsokeiy. 32 Le namboare' o
mpanefe volamenao naho o mpanao balikeo ty añivo' i efetse ambone' i kotsokeiy
pak' amy lalambein' añondriy.

33 Aa naho jinanji' i Sanbalate t'ie namboatse i kijoliy, le niboseke vaho am-
piforoforoañe mandofiry ty nañabiaña'e o nte-Iehodao. 34 Nisaontsie'e añatrefa' o
rahalahi'eo naho o lahindefo' i Someroneo ty hoe: Ino ty amboare' o nte-Iehodà
mavozoo? Hamboatse an-tsatrin-troke hao? Hanao soroñe hao? Ho fonire' iareo
ami'ty andro'e hao? Hampisotrafe' iereo amo votrim-porompotse niforototoe' iereoo
hao o vatoo? 35 Aa hoe t'i Tobià nte Amore mpiama'e: Toe hirotsake i kijolim-batoy
te anganiha' ty fanaloke i amboare' iareoy.

36 Mijanjiña ry Andrianañahare'ay fa sirikaen-jahay, le afotero añ' ambone' iareo
o inje' iareoo, le atoloro ho kopaheñe an-tanem-pandrohizañe añe; 37 le ko takonañe
o hakeo'eo vaho ko faopaoheñe añatrefa'o o tahi'eo, ie mikai-jaka ama'o añatrefa'

o mpamboatseo. 38 Aa le namboare’ay i kijoliy vaho nifampikatoke iaby i kijoliy
pak’ami’ty antsasa’ ty haabo’e; ie nitoloñeñe an-joton-troke.

# 4

1 Ie jinanji’ i Sanbalate naho i Tobià naho o nte-Arabeo naho o nte Amoneo naho o
nte-Asdodeo te niraorao ty fandrafetañe ty kijoli’ Ierosalaime naho fa ho nikiteke iaby
o heba’eo, le niforoforo 2 vaho fonga nitrao-pikinia ho mb’eo hialy am’ Ierosalaime
hampifandrakaraka ty ao. 3 F’ie nihalaly aman’ Añaharentika, vaho nampijadoñe
fijilovañe handro an-kaleñe ty am’ iereo. 4 Le hoe t’Iehoda: fa nifotsake ty haozara’
o mpijinio naho maro o forompotseo; aa le sarotse’ ama’ay ty mandranjy i kijoliy. 5 Le
hoe o rafelahi’aio: Tsy hahafohiñe tsy hahaisake ampara’ te añivo ao tika hanjamañe
iereo, hanjitse i fitoloñañey. 6 Ie amy zao, niheo mb’ama’ay mb’eo o nte-Iehoda
nimoneñe marine iereoo, le tinaro’ iareo ama’ay im-polo te ho horidañeñe ndra
aia’aia ty itolihañe. 7 Aa le navotrako ankalo’ o fange’e loho ambane amy kijoliio, toe
amo heba’eo, ty ondaty, sindre ty amo hasavereña’eo, reketse ty fibara’e naho lefo’e
vaho fale’e. 8 Ie nisary raho le niongake nanao ty hoe amo mpifeheo naho am’ ondaty
ila’eo, ty hoe: Ko ihembañañe, tiahio i Talè jabahinake naho maharevendreveñey
vaho mialia ho an-drolongo’ areo, o ana-dahi’ areoo naho o anak’ ampela’ areoo, o
tañanjomba’ areoo vaho o anjomba’ areoo. 9 Aa ie jinanji’ o rafelahintikañeo t’ie
napota’ay naho te nikoahen’ Añahare i fikililia’ iareoy, le songa nihereñe mb’an-
kijoly mb’eo zahay, sindre mb’ am-pitoloña’e mb’eo.

10 Aa ie henane zay, nifanehak’ amy fitoloñañey ty vaki’ o mpitorokoo, le nitan-
defoñe naho fikalan-defo naho fale vaho sikim-bý ty vaki’e; le nijadoñe amboho’
i anjomba’ Iehodà iabio o mpifeheo. 11 Le songa nifanehake am-pità’e raik’ amy
fitoloñañey vaho nitàm-pialiañe ty ila’ o nandranjy i kijoliio naho o mpijiny
kilankañeo. 12 Le o mpandranjio; songa an-deme’e eo ty kotram-pibara’e, ie nitolom-
pandranjy avao. Nirekets’ amako ty mpampipopò antsiva. 13 Aa hoe raho amo
mpiaoloo naho amo mpifeheo naho am’ondaty ila’eo, Jabajaba naho mamalan-tane
i fitoloñañey, le miparaitak’ amy kijoliy tika, mifankalavitse. 14 Aa ndra an-toetse
aia aia ty ijanjiña’ areo i fivolan’ antsivay le mihitrifa mb’ ama’ay mb’eo, fa hialy
ho antika t’i Andrianañaharen-tika. 15 Aa le nifanehak’ amy fitoloñañey zahay naho
nitàn-defoñe ty vaki’e, sikal’ ami’ty manjirik’ andro ampara’ ty fanjoam-basiañe.
16 Le hoe ka raho henane zay am’ondatio: Ehe te songa hitobe e Ierosalaime atoy
reke-mpitoroñe ondatio, hañambenan-tika haleñe vaho hifanehake handro. 17 Aa le
tsy zaho, ndra o mpitorokoo, ndra o mpiamo mpañambeñe nañorik’ ahio, eka, leo
raik’ ama’ay tsy nañafa-tsiky; sindre ninday ty fialia’e mb’an-drano mb’eo.

# 5

1 Nampipoña-toreo amy zao ondatio naho o tañanjomba’eo ty amo nte-Iehoda
roahalahi’ iareoo. 2 Teo ty nanao ty hoe: Maro zahay naho o ana-dahi’aio naho o
anak’ ampela’aio; ehe apoho hangalake mahakama zahay hihinana’ay ho veloñe.
3 Teo ka ty nanao ty hoe: Nampisongoe’ay o tete’aio, o tanembahe’aio vaho o
anjomba’aio, hivilia’ay mahakama ty amy hasalikoañey. 4 Hoe ka ty ila’e, Fa
nisongoe’ay drala ho amy vili-loham-panjakay o tane’aio naho tanem-bahe’aio.
5 Ie amy zao, kanao manahake ty nofo’ay ty nofo’ o longo’aio naho manahake o
ana-dahi’ iareoo o ana-dahi’aio, oniño t’ie nampañondevo o ana-dahi’aio naho o
anak’ ampela’aio, le amo anak’ ampela’aio henaneo ty fetrek’oro, fe tsy aman-kery
hañavake iareo zahay; fa am’ondaty ila’eo o tete’aio naho o tanem-bahe’aio.

6 Aa le vata’e niboseke raho te nahatsanoñe o fitoreova’ iareoo naho i saontsy
rezay. 7 Ie nitsakore, le trinevoko ami’ty hoe, Ry mpiaoloo naho, ry mpifeheo: Songa

mangalak’ ana’e ami’ty songon-droahalahi’e hao? Le nanontonako fivori-bey, 8 vaho
nanoeko ty hoe, An-kalefeañe ty nijebaña’ay o rahalahin-tikañeo, o nte-Iehodao fa
naletak’ amo kilakila’ ondatio; aa le haleta’ areo hao o rahalahi’ areoo? mbore havily
ama’ay? Nianjiñe iereo, fa tsy nanan-kavale. 9 Aa hoe raho, Tsy soa o anoe’ areoo;
tsy ndra kitra’e hañavelo am-pañeveñañe aman’ Añaharentika, ty amy sirika’ o
kilakila’ondaty rafelahin-tikañeoo? 10 Toe nampisongo drala naho tsako am’ iereo
o rahalahikoo naho o mpitorokoo. Ehe te apon-tika ty fampanañan-tsongo. 11 Ehe,
ampolio anito o tane’eo naho o tanem-bahe’eo naho o anjomba’eo naho ty volafoty
zato naho i tsakoy naho i divaiy vaho i menake nampañavahe’o iareoy. 12 Aa le
hoe iereo: Havaha’ay vaho tsy hipaia’ay ndra inoñ’ inoñe; hanoe’ay ami’ty do’e i
nisaontsie’oy. Aa le nitokaveko o mpisoroñeo vaho nampanoeko fañina, hanoa’ iareo
i saontsieñey. 13 Aa le nahifiko ty sikim-pèko, nanao ty hoe: Hoe zao ty añifihan’
Añahare t’indaty añ’anjomba’e naho ami’ty fitoloña’e ze tsy manao i nitsarae’ey;
eka zao ty hañifihañe aze, ho koake. Le hoe i valobohòkey: Amena! vaho nandrenge
IEHOVÀ. Le nanoe’ ondatio i nitsaraeñey.
14 Mbore, boak’ amy nanendreañe ahy ho bei’ iareo an-tane Iehodày, sikal’ amy
taom-paha-roapoloy pak’ amy faha telo-polo-ro’ambi’ i Artaksastàiy, mpanjaka, i folo-
tao-ro’ amby zay, le tsy nikamà’ay naho o rahalahikoo ty mahakamam-bein-tanañe.
15 Fa toe nampijinie’ o bey taolo’ ahio o kilankam-bei’ ondatioo, le nangalà’ iereo
mofo naho divay ambone’ ty efa-polo sekele ty ondaty; eka, toe nirengerenge ama’
iareo o mpitoroñeo; fa tsy nanao zay raho, ami’ ty fañeveñako aman’ Añahare.
16 Eka, toe nifanehak’ ami’ty kijoly toy avao raho, le tsy nivily tane zahay vaho fonga
nifanontoñe amy asay o mpitorokoo. 17 Mbore zato-tsi-limampolo amo nte-Iehodao
naho amo mpifeheo ty tam-pandambañako eo naho tsy volañeñe o rahalahy nivo-
trak’ ama’ay boak’ ampariparitseo. 18 Ty nihalankañeñe ho ahy boak’ andro amy
zao, le añombe raike naho añondry eneñe jinoboñe; le voroñe ka ty nihajarieñe ho
ahy, ie naharitse folo andro le namandroñañe divay maro karaza’e; fe amy iaby zay
tsy nipaiaeko ty mahakama’ i beiy, amy te navesatse am’ondatio i fitoroñañey. 19 Ehe
ivetseo hasoa ry Andrianañahare amo he’e nanoako amo ondatioo.

# 6

1 Aa ie natalily amy Sanbalate naho i Tobià naho amy Geseme nte-Arabe vaho amo
rafelahi’ay ila’eo, te namboareko i kijoliy naho tsy aman-keba’e—ndra t’ie mboe tsy
natroako hey ty raven-dala’ o lalam-beio— 2 le nañitrik’ amako t’i Sanbalate naho
i Geseme, ty hoe: Antao hifañaoñe e Keferime amonto’ i Onò añe. F’ie nikilily
haratiañe amako. 3 Le nañitrifako ìrake nanao ty hoe: Mitoloñe raha jabajaba raho le
tsy eo ty hizotsoako mb’eo; ino ty hanjirañe i fitoloñañey hiavotako ama’e, hizotsoako
mb’ama’ areo mb’eo? 4 Inempatse ty nampihitrifa’ iareo amako i hoe zay; le ie avao
ty natoiko. 5 Nañitrike ty mpitoro’e amako amy sata zay ho faha-lime’e t’i Sanbalate,
ninday taratasy misokake am-pità’e; 6 le hoe ty sinokitse ao: Fa talilieñe amo kilakila
ondatio (vaho fa niventè’ i Geseme) te mikitro-piolàñe rehe naho o nte-Iehodao; zay
ty amboarañe i kijoliy; le ihe ty ho mpanjaka’ iareo, ty amy entañe zay. 7 Le nanendre
mpitoky rehe hitsey ama’o e Ierosalaime ao ty hoe, Amam-panjaka ty e Iehoda ao; aa
le hatalily amy mpanjakay o entañe zao. Antao arè hifañaoñe. 8 Le nahitriko ama’e ty
hoe: Ndra loli’e tsy nanoeñe o nisaontsie’oo, te mone fikitrohan-tro’o avao. 9 Fonga
te nañembañe anay, ami’ty fitsakorea’ iareo, ty hoe: Hirepak’ amy fitoloñañey ty
fità’ iareo le tsy ho fonitse. Aa, ehe, haozaro o tañakoo henaneo!
10 Aa le nimoak’ añ’anjomba’ i Semaià ana’ i Delaià, ana’ i Mehetabele raho, ie
nigabeñe ao; le hoe re, Antao hifañaoñe añ’ anjomban’ Añahare ao le harindrin-
tika ty lala’ i anjombay; fa toe ho avy hañè doza ama’o iereo; eka, amy haleñey t’ie

hivotrak' eo hanjevoñ' azo. 11 Le hoe raho, Hibotitsike hao ty manahak' ahy? Le ia
raho te hifoak' amy anjombay hirombak'ay? Zaho tsy himoak' ao. 12 Le napotako
an-troke ao t'ie tsy nirahen' Añahare; amy te nitokia'e haratiañe vaho toe kinarama'
i Tobià naho i Sanbalate. 13 Nitambezan-dre hañembañ' ahy, soa te hanoeko naho
hanan-kakeo vaho hanaña' iareo talily raty hanisìañ' ahy. 14 Tiahio o fitoloña' iareoo
ry Andrianañahareko, t'i Tobià naho i Sanbalate naho i Noadià, mpitoki-ampela naho
o mpitoky ila'e ho nañembañe ahikoo.

15 Aa le nifonitse tañ' andro faha roapolo-lime ambi' i Saramantiñey, i andro faha
limampolo-ro' ambi'ey i kijoliy. 16 Ie amy zao naho songa nahajanjiñe o rafelahi'ay
iabio naho sindre nahaisake o fifeheañe nañohok' anaio, le ni-po-pahavaniañe vaho
nifohi' iareo te i Andrianañahare'aiy ty nañimba i fahafonirañey. 17 Ie henane zay
le nañitrike taratasy maro amy Tobià o roandria' Iehodao vaho niheo am'iereo o
boak' amy Tobiào; 18 amy te nimaro e Iehoda ao ty nifanta ama'e, amy t'ie vinanto'
i Sekanià, ana' i Arà; mbore fa nañenga ty anak' ampela' i Mesolame ana' i Berekià
ty ana'e Iohanane. 19 Le natalili' iareo amako o sata'e soao naho ama'e ka o rehakoo
vaho nañitrike taratasy hañembañe ahy t'i Tobià.

# 7

1 Ie nifonitse i kijoliy naho fa natroako o lalañeo naho fa tinendreko o
mpañambeñeo naho o mpisaboo vaho o nte-Levio, 2 le nafantoko amy Kananý, raha-
lahiko naho amy Kananià, mpifelek' i anjombam-panjakay ty fandiliañe Ierosalaime
(amy te ondaty vañon-dre, nañeveñe aman' Añahare mandikoatse i màroy); 3 le
nanoako ty hoe: Ko sokafe' areo o lalambei' Ierosalaimeo ampara' te mafana-voho
ndra te eo o mpigaritseo, arindrino naho agabeño; vaho joboño mpañambeñe amo
mpimone' Ierosalaimeo, songa ami'ty fiambena'e naho sindre tandrife' i anjomba'ey.
4 Toe bey naho jabajaba o rovao fe tsy niampeampe t'indaty ao vaho mboe tsy
namboareñe o anjombao.

5 Le najon' Añahareko an-troko ao ty hanontoñe o mpiaoloo naho o mpifehe
ondatio, hampiantoñoñe iereo. Le nitreako ty bokem-piantoño' o nionjoñe mb'atoy
tam-baloha'e vaho nizoeko sinokitse ao ty hoe: 6 Zao o ana' i borizà niavotse
am-pandrohizañe amo nasese mb'eoo, amo nasese' i Nebokadnetsare mpanjaka'
i Baveleo vaho nimpoly mb'e Ierosalaime naho Iehoda añe, songa mb'an-drova'e
mb'eo; 7 o nindre amy Zerobabele mb' etoao, Iesoa, i Nekemià, i Atsarià, i Raamià, i
Nahamanià, i Mordekay, i Bilsane, i Misperete, i Bigvay, i Nekome, i Baanà. Ty ia' ty
lahilahy amo nte-Israeleo, le zao:

8 O ana' i Paroseo, roarivo-tsi-zato-tsi-fitompolo-ro'amby. 9 O ana' i Sefatiào:
telonjato-tsi-fitompolo-ro'amby. 10 O ana' i Arào, enenjato-tsi-limampolo-ro'amby.
11 O ana' i Pakate-moabeo, o ana' Iesoào naho Ioabeo, ro'arivo-tsi-valonjato-tsi-folo-
valo'amby. 12 O ana' i Elameo, arivo-tsi-roanjato-tsi-limampolo-efats'amby. 13 O ana' i
Zatòo, valonjato-tsi-efapolo-lim' amby. 14 O ana' i Zakaio, fitonjato-tsi-enempolo. 15 O
ana' i Binoio, enenjato-tsi-efapolo-valo' amby. 16 O ana' i Bebaio, enenjato-tsi-roapolo-
valo' amby. 17 O ana' i Azgadeo: roarivo-tsi-telonjato-tsi-roapolo-ro'amby. 18 O ana'
i Adonikameo, enen-jato-tsi-enempolo-fito' amby. 19 O ana' i Bigaio, ro'arivo-tsi-
enempolo-fito' amby. 20 O ana' i Adineo, enenjato-tsi-limampolo-lim' amby. 21 O ana' i
Atere Kizkiào, sivampolo-valo' amby. 22 O ana' i Kasomeo, telonjato-tsi-roapolo-valo'
amby. 23 O ana' i Betsaio, telonjato-tsi-roapolo-efats' amby. 24 O ana' i Karifeo, zato-
tsi-folo-ro'amby. 25 O ana' i Giboneo, sivampolo-lim' amby. 26 O nte-Betlekheme naho
i Netofào, zato-tsi-valopolo-valo'amby. 27 O nte-Anatoteo, zato-tsi-roapolo-valo' amby,
28 O nte-Bete-azemaveteo, efapolo-ro' amby. 29 O nte-Kiriate-Iearimeo, i Kefirà vaho

i Beroteo, fiton-jato-tsi-efapolo-telo’ amby. 30 O nte-Ramà naho nte-Gebao, enen-jato-
tsi-roapolo-raik’ amby. 31 O nte-Mikmaseo, zato-tsi-roapolo-ro’ amby. 32 O nte Betele
naho Aio, zato-tsi-roapolo-telo’amby. 33 O nte-Nebo ila’eo, limampolo-ro’ amby. 34 O
ana’ i Elame ila’eo, arivo-tsi-roanjato-tsi-limampolo-efats’amby. 35 O ana’ i Karimeo,
telonjato-tsi-roapolo. 36 O ana’ Ierikoo, telonjato-tsi-efapolo-lim’ amby. 37 O ana’
i Lodeo, i Kadide vaho i Ono, fitonjato-tsi-roapolo-raik’amby. 38 O ana’ i Senàao,
teloarivo-tsi-sivanjato-tsi-telopolo.

39 O mpisoroñeo: o ana’ Ikedaià, tañ’ anjomba’ Iesoào, sivanjato-tsi-fitom-polo-telo’
amby. 40 O ana’ Imereo, arivo-tsi-limampolo-ro’amby. 41 O ana’ i Pasoreo, arivo-tsi-
roanjato-tsi-efapolo-fito’amby. 42 O ana’ i Karimeo, arivo-tsi-folo-fito’ amby.

43 O nte-Levio: o ana’ Iesoao, a i Kadmieleo vaho o ana’ i Hodevào, fitom-polo-
efats’amby. 44 O mpisaboo: o ana’ i Asafeo, zato-tsi-efapolo-valo’ amby.

45 O mpañambeñeo: o ana’ i Salomeo, o ana’ i Atereo, o ana’ i Talmoneo, o ana’ i
Akobeo, o ana’ i Katitào, o ana’ i Sobaio, zato-tsi-telopolo-valo’amby.

46 O mpitoroñe amy anjombaio: o ana’ i Tsikào, o ana’ i Kasofào, o ana’ i Tabaoteo,
47 o ana’ i Keroseo, o ana’ i Siào, o ana’ i Padoneo, 48 o ana’ i Lebanao, o ana’ i
Kagabào, o ana’ i Salmaio, 49 o ana’ i Kanàneo, o ana’ i Gideleo, o ana’ i Gakhareo,
50 o ana’ i Reaiào, o ana’ i Retsineo, o ana’ i Nekodao, 51 o ana’ i Gazameo, o ana’ i
Ozào, o ana’ i Paseakeo, 52 o ana’ i Besaio, o ana’ i Meonimeo, o ana’ i Nefisesimeo
53 o ana’ i Bakokeo, o ana’ i Kakofào, o ana’ i Karkoreo, 54 o ana’ i Batsliteo, o ana’ i
Mekidào, o ana’ i Karsào, 55 o ana’ i Barkoseo, o ana’ i Siserao, o ana’ i Tamakeo, 56 o
ana’ i Netsiakeo, o ana’ i Katifào.

57 O anam-pitoro’ i Selomòo: o ana’ i Sotahio, o ana’ i Sofereteo, o ana’ i Peridao,
58 o ana’ Ia’alào, o ana’ i Darkoneo, o ana’ i Gidelo, 59 o ana’ i Sefatiào, o ana ’i Katileo,
o ana’ i Pokerete Hatsebaimeo, o ana’ i Amoneo. 60 O hene mpitoron’ anjombao naho
o anam-pitoro’ i Selomòo: telonjato-tsi-sivampolo-ro’ amby. 61 Iretoañe ty niboak’e
Tel-melà, i Tel-karsà, i Kerobe, i Adone vaho Imere: fe tsy nahafitoñoñe ty anjomban-
droae’e ndra ty maha-tariratse iareo, ke t’ie nte-Israele: 62 O ana’ i Delaiào, o ana’ i
Tobiào, o ana’ i Nekodao: enenjato-tsi-efapolo-ro’ amby.

63 Le amo mpisoroñeo: o ana’ i Kabaiao, o ana’ i Hakotseo, o ana’ i Barzilao i
nañenga ty raik’ amo anak’ ampela’ i Barzialy nte-Giladeo ho vali’ey le nitokaveñe
ami’ty tahina’ iareo. 64 Pinay amo sinokitse am-piantoñoñeo iareo fe tsy nahaisake;
aa le natao ho maleotse vaho nasitak’ amy fisoroñañey. 65 Le hoe ty nanoa’ i Tirsatà,
t’ie tsy hikama o miava-do’eo ampara’ te eo ty mpisoroñe hiongake reketse Orime
naho Tomime.

66 Ty fitonto’ i valobohòke zay le efats’ ale-tsi-ro’ arivo-tsi-telonjato-tsi-enempolo,
67 mandikoatse o fetrek’ oro’eo naho o anak’ ampata’eo, le fito-arivo-tsi-telonjato-tsi-
telopolo-fito’amby; naho am’ iereo ty lahilahy naho rakemba mpisabo roanjato-tsi-
efapolo-lim’ amby. 68 O soavala’ iareoo, fiton-jato-tsi-telopolo-eneñ’ amby; o borìke
vosi’eo, roanjato-tsi-efapolo-lime amby. 69 O rameva’eo, efajato-tsi-telopolo-lim’ amby
naho o borìke’eo, eneñ’ arivo-tsi-fitonjato-tsi-roapolo.

70 Le amo talèn-droae’eo ty nanolotse amy fitoloñañey: i Tirsatà nanolotse bogady
volamena arivo naho koveta limampolo vaho sarom-pisoroñe liman-jato-tsi-telopolo;
71 o talèn-droae’eo nanolotse bogady volamena ro’ale naho tsanganolo volafoty
ro’arivo-tsi-roanjato amy fañajan-drala’ i fitoloñañeiy; 72 le natolo’ ondaty ila’eo ty
bogady volamena ro’ale naho tsanganolo ro’arivo vaho sarom-pisoroñe enempolo-
fito’ amby. 73 Aa le songa nimoneñe an-drova’e ao o mpisoroñeo naho o nte-
Levio naho o mpañambeñeo naho o mpisaboo naho ondaty ila’eo naho o mpitoroñ’
anjombao vaho o nte-Israele iabio, sindre tan-drova’e ao te tsatoke i volam-pahafitoy.

# 8

1 Hene nifanontoñe hoe ondaty raik' an-tameañe aolo' i lalam-bein-dranoy ondatio;
le nisaontsy amy Ezra mpanokitse ty handesa'e i boke Hà' i Mosè linili' IEHOVÀ
Israeley. 2 Aa le nendese' i Ezra mpisoroñe añatrefa' i fivoriy t'i Hake, amo lahilahio
naho rakembao vaho amy ze hene nahajanjiñe am-paharendrehañe, amy androm-
baloha' i volam-pahafitoiy. 3 Le namaky amy bokey re, aolo' i kiririsan-dalambein-
dranoy, nifototse maraindray ampara' te tsipinde-mena, añatrefa' o lahilahio naho o
rakembao naho ze naharendreke; vaho nitsatsike i boke Hàkey o ravembia' ondaty
iabio. 4 Nijohañe am-panongan-katae eo t'i Ezra, mpanokitse, amy rinanjiñe ho amy
raha zaiy, le nijohañe añ'ila'e eo t'i Matitià naho i Semà naho i Oriià naho i Kilkià
vaho i Maaseià am-pità'e havana le am-pità'e havia eo t'i Pedaià naho i Misaele
naho i Malkià naho i Kasome naho i Kasbadanà, i Zekarià vaho i Mesolame. 5 Le
sinoka' i Ezra ampahaoniña' ondaty iabio i boke—amy t'ie ambone' ondatio—aa ie
nanokak' aze, songa niongake ondatio; 6 naho nañandriañe IEHOVÀ, i Andriananañahare
jabahinakey t'i Ezra; vaho sindre nanoiñe ty hoe ondatio: Amene, Ie zay! am-
pañonjonam-pitàñe; ie nibaboke. laharañe mb'an-tane, te nitalaho añatrefa' IEHOVÀ;
7 le nampibejañe i Hake am'ondatio t'Iesòa naho i Baný naho i Serebià, Iamine, i
Akobe, i Sabetay, i Hodià, i Maaseià, i Kelità, i Azarià, Iozabade, i Kanàne, i Pelaià;
songa nte-Levy vaho nitobok' an-toe' iareo eo ondatio. 8 Aa le vinaki' iareo i boke
Hàn' Añaharey an-dam-bolañe vaho natoro' iereo ty heve'e, hahaoniña' ondatio i
nivakieñey.

9 Le nanao ty hoe am' ondatio t'i Nekemià, Tirsatà naho i Ezra, mpirosoñe naho
mpanokitse, ie nañoke ondatio o nte-Levio: Miavake am' IEHOVÀ Andriananañahare'
areo ty andro toy, ko mirovetse, ko mangolololoike. Amy te nangoihoy ty tañy ondaty
iabio ami'ty fijanjiñañe ty tsara' i Hake. 10 Le nanoa'e ty hoe, Akia, mikamà ty
mafiry, minoma ty mamy, le andivao amo tsy nañalankañeo amy te miavake amy
Talèntikañey ty andro toy vaho ko miharovetse; fa haozara' areo te mirebek' am'
IEHOVÀ. 11 Aa le nampianjiñe' o nte-Levio ondaty iabio, ami'ty hoe: Mianjiña, fa
miavake ty androany; le ko manahelo. 12 Aa le nifampiriaria mb'eo ondatio nikama
naho ninoñe naho nandiva vaho nirebeke, amy te niazo' iareo i tsara nitaroñeñe am'
iereoy.

13 Nifanontoñe amy Ezra, mpanokitse, amy andro faha-roey o mpiaolon' anjomban-
droae'eo, o mpisoroñeo vaho o nte-Levio, hininike ty tsara' i Hàke. 14 Tendrek'
am' iereo te sinokitse amy Hake ao i nandilia' IEHOVÀ añamy Mosèy te hitobok'
an-tsokemitraha ao o ana' Israeleo amy sabadidam-bolam-paha-fitoy; 15 le naboele
iereo naho nikoiheñe amo rova' iareo iabio naho e Ierosalaime ao ty hoe: Mañitrifa
mb'am-bohitse mb'eo le mangalà sampan-olive naho sampan-karadranto añ'ala
ao naho sampa mañidè naho tsampan-tsatrañe naho bodan-katae handranjiañe
sokemitraha ty amy pinatetsey. 16 Aa le nitoha añe ondatio, ninday vaho namboatse
sokemitraha, songa an-tafon' anjomba'e eo naho ankiririsa'e ey naho an-kiririsan'
anjomban' Añahare eo naho an-tameañe an-dalambein-drano ey vaho an-toen-
dalambei-Efraime mielatse ey. 17 Namboatse naho nitobok' amo sokemitraha'eo i
valobohòke iaby niavy boak' am-pandrohizañey; fa sikal' añ'andro Iehosoa ana'
i None, ampara' i andro zay tsy nanoe' o ana' Israeleo zay; vaho nionjoñe ty
firebehañe. 18 Le nivakie'e boak' andro boak' andro, mifototse amy andro valoha'ey
i boke Hàn' Añaharey; nitana' iareo fito andro i sabadidakey; vaho nanoeñe fivory
miavake i andro fahavaloy, ty amy fepètsey.

# 9

1 Ie amy andro faha-roapolo-efats' ambi' i volañeiy le nivory vaho nililitse o

ana’ Israeleo, nisaron-gony naho tane. 2 Le nifañambak’ amy ze hene ambahiny
o tiri’ Israeleo vaho nijohañe eo nisoloho o hakeo’eo naho o tahin-droae’eo. 3 Le
nijohañe an-toe’ iareo eo namaky amy boke Hà’ Iehovà Andrianañahare’ iareo ami’ty
fah’efa’ i àndroy; naho ami’ty fah’efa’e ka, nisoloho vaho nibabok’ añatrefa’ Iehovà
Andrianañahare’ iareo.
4 Niongak’ ambone’ i fanongañey amy zao o nte-Levio, Iesòa naho i Baný, i
Kadmiele, i Sebanià, i Baný, i Serebià vaho i Kenaný, le nampipoña-piarañanañañe
am’ Iehovà Andrianañahare’ iareo. 5 Le hoe i nte-Levy rey, Iesoa, i Kadmiele,
i Baný, i Kasabneià, i Serebià, i Hodià, i Sebanià vaho i Petakià: Miongaha le
andriaño t’Iehovà Andrianañahare’ areo nainai’e teo, nainai’e eo vaho ano ty hoe:
Andriañeñe ty tahina’o lifots’ engeñe, onjoneñe ambone’ ze atao fañandriañañe
naho fandrengeañe. 6 Ihe ro Iehovà, Ihe avao; Ihe ty namboatse o likerañeo, o
andindin-dikerañeo naho o valobohò’ iareo iabio, ty tane toy naho ze he’e ama’e
ao, o riakeo naho ze hene ama’e ao, Ihe ty mameloñe iereo; vaho miambane
ama’o i fifamorohotan-dikerañey. 7 Ihe ro Iehovà Andrianañahare nijoboñe i
Avrahame, ninday aze hienga i Ore’ o nte-Kasdio naho tinolo’o tahinañe ty hoe
Avrahame; 8 Ihe nahavazoho te nigahiñe añ’atrefa’o ty arofo’e le nifañina ama’e
hanolorañe aze ty tane’ o nte-Kaànaneo, o nte-Kiteo, o nte-Amoreo naho o nte-
Perizeo naho o nte-Ieboseo naho o nte-Girgaseo, hanolora’o aze amo tiri’eo vaho
nihenefe’o ami’ty havantaña’o o tsara’oo; 9 le nivazoho’o ty fisotrian-droae’ay e
Mitsraime ao naho jinanji’o ty fitoreova’ iareo añ’olo’ i Riake Menay; 10 naho
tinolo’o viloñe naho raha tsi-tantane t’i Parò naho o mpitoro’e iabio naho ze
hene ondati’ i tane’ey; amy te niarofoana’o t’ie nisenge hery; vaho nahazoa’o
Tahinañe manahake androany. 11 Vinaki’o añatrefa’ iareo i riakey, hitsaha’ iareo
añivo’ i riakey an-tane maike; vaho nafetsa’o an-dalek’ ao o nañoridañe iareoo,
nanahake t’ie vato an-drano mitabohazake. 12 Mbore an-drahoñe mijoalajoala ty
niaoloa’o iareo handro; naho añ’ afo nisotratràke te haleñe, nañazavà’o ho a
iareo ty lalañe homba’ iareo. 13 Nizotso am-bohi-Sinay eo rehe, nitsara am’ iereo
boak’ andikerañ’ añe, nanolotse lily to naho i Hake vantañey vaho fepètse naho
fañè soa; 14 naho nampahafohina’o i Sabata’o masiñey naho linili’o fepètse naho
fañè vaho i Hake am-pità’ i Mosè mpitoro’oy; 15 naho nitolora’o mofon-dikerañe
ho ami’ty hasalikoa’ iareo naho nampiboaha’o rano boak’ ami’ ty vato ho ami’ty
hataliñiera’ iareo vaho nililie’o t’ie himoake amy taney, hitavane i nampionjona’o
fitañe hanolora’o iareoy. 16 Fe nirengevoke, ie naho o roae’aio, nanjì-kàtoke, tsy
nañaoñe o lili’oo, 17 le nifoneña’ iareo ty tsy hijanjiñe, le tsy nitiahi’ iareo o raha
tsitantane nanoe’o añivo’ iareoo; te mone nizinjin-kàtoke, le ami’ty fiolà’ iareo ty
nanendreañe mpiaolo hampipoly iareo am-pandrohizañe añe; fe Andrianañahare
Mpañaha rehe, matarike, atsa-tretrè, malaon-kaviñerañe, lifo-kafatraram-pikokoañe
vaho tsy naforintse’o. 18 Eka, toe namboatse bania trinanake iereo ami’ty hoe:
Intoy ty ndrahare’ areo nañavotse anahareo an-tane Mitsraime, le nanao haloloam-
bey; 19 f’Ihe am-pikokoa’o migahiñe, tsy nifary iareo am-patrambey añe; tsy nienga
iareo handro i rahoñe nijoalay mpiaolo amy lalañey, ndra i afo nisotratràke
haleñey, hañazava ty lalañe hombà’ iareo. 20 Natolo’o i Arofo’o soay hañoke*
naho tsy nitana’o tsy ho am-palie’ iareo i maney vaho nanjotsoa’o rano ami’ty
harandranoañe. 21 Eka, efapolo taoñe ty nanohaña’o iareo am-patrambey añe; le
tsy eo ty nipaia’ iareo; tsy nikomavo o siki’eo, tsy nienatse o fandia’eo. 22 Mbore
tinolo’o fifeheañe naho borizañe, le zinara’o toetse naho tane, handrambesa’ iareo
ty tane’ i Sikhone naho ty tanem-panjàka’ i Hesbone naho ty tane’ i Oge mpanjaka’
i Basane. 23 Nampangetseketsehe’o ho mira amo vasian-dikerañeo o ana’ iareoo,

* **9:20** Rzs 1:23, Iek 36:27, Zek 7:12

le nampihovae'o amy tane nafanto'o aman-droae' iareo hizilik' ao hitavañe azey.
[24] Aa le nimoak' ao i anake rey nitavañe i taney, le nampiambanea'o añatrefa'
iareo o mpimone' i taneio, o nte-Kaananeo vaho natolo'o am-pità' iareo rekets'
o mpanjaka'eo naho ondati' i taneio, hanoañe ze satri' iareo. [25] Ie nandrambe
rova fatratse naho tane kobokara naho nitavañ' anjomba lifo-draha soa, kadaha
hinaly, tanem-bahe naho golobon' olive naho hatae maro fihinam-boa, le nikama
naho nianjañe naho nahazo sandriñe vaho nierañerañe amy hasoa'o ra'elahiy.
[26] F'ie nanjehatse, niola ama'o, le nitsambolitio' iareo i Ha'oy naho nanjamañe o
mpitoki'o nañatahata iareo himpoly ama'oo vaho nitolon-katerateràñe jabajaba.
[27] Aa le natolo'o am-pità' o rafelahi' iareoo; le nampalovilovieñe; vaho nitoreo
ama'o iereo an-tsam-pèh'ohatse. Nijanjiñe andindiñe añe rehe naho nitolora'o
mpandrombake ami'ty fiferenaiña'o, le navotso'o am-pitan-drafelahy. [28] F'ie nitofa
ro mbe nanao haloloañe añatrefa'o avao; aa le napo'o am-pitàn-drafelahi' iareo,
hifeleha'e; fe naho nitolike iereo naho nitoreo ama'o le nainai'e nahajanjiñe an-
dikerañe añe vaho nandrombake ty amy fiferenaiña'oy; [29] mbore hinatahata'o,
hampitoliha'o mb'an-Kàke, f'ie nibohaboha tsy nañaoñe o lili'oo naho nandilatse
amo fañè'oo, o mahaveloñe ondaty t'ie ambenañeo†, fe nanolotse soroke manjehatse
naho nampigàn-katoke vaho tsy nañaoñe. [30] Taoñ' an-taoñe ty nifeaha'o iareo
naho hinatahata'o amañ' Arofo'o añamo mpitoki'oo; f'ie tsy nanolo-dravembia vaho
natolo'e am-pita' o kilakila' ondati' i taneio. [31] Fe ami'ty habeim-piferenaiña'o, tsy
nimongore'o, tsy hene naforintseñe; ihe Andrianañahare matarike, lifo-pitretrezañe.
[32] Ie amy zao ry Andrianañahare'ay, ry Jabahinake, Maozatse, toe Andrianañahare
mampañeveñe, Mpitàm-pañina naho fiferenaiñañe, ko enga'o ho kedekedek' ama'o
o faloviloviañe nifetsak' ama'ay naho amo mpanjaka'aio naho amo roandria'aio naho
amo mpisoro'aio naho amo mpitoki'aio naho aman-droae'aio naho am' ondati'o
iabio, sikal' añ'andro' o mpanjaka' i Asoreo pak' androanio. [33] Toe vantan-dRehe
amy ze he'e nifetsak' ama'ay; nanao an-kavañonan-dRehe, zahay ka an-karatiañe;
[34] mbore tsy nitana' o mpanjaka'aio, o roandria'aio, o mpisoro'aio vaho o roae' aio i
Tsara'oy; tsy hinao' iareo o fepè'oo naho o taro'o nitaroña'o. [35] F'ie tsy nitoroñ' Azo
amy fifehea' iareoy naho amy hasoa ra'elahy natolo'oy naho i tane bey henehene
naho kobokara nitolora'o añatrefa' iareoo mbore tsy nifotetse amo halò-tsere'eo.
[36] Oniño te ondevo zahay androany, le ty amy tane natolo'o aman-droae'ay hikamà'
iareo o voka'eo amo hasoa'eo, ingo, ondevo ama'e ao zahay, [37] vaho miveve amo
mpanjaka nampijadoña'o ama'ay ty amo hakeo'aio i voka'e nibodobodoy; mbore
ananaña'e lily o sandri'aio, o añombe'aio, ze satrin' arofo'e; toe malovilovy zahay.

# 10

[1] Aa ty amy tsaraeñe rezay, le nampijadoñe fañina zahay naho vinoli-fitombo' o
roandria'aio naho o nte-Levi'aio vaho o mpisoro'aio. [2] Irezao o namoli-fitombok'
azeo: i Nekemià Tirsatà, ana' i Kakalià naho i Tsidekià, [3] i Seraià, i Azarià, Ieremià;
[4] i Pasore, i Amarià, i Malkiià, [5] i Katose, i Sebanià, i Maloke; [6] i Karime, i Meremote, i
Obadià; [7] i Daniele, i Ginetone, i Baroke; [8] i Mesolame, Abiià, i Miiamine; [9] i Ma'azià,
i Bilgay, i Semaià. Ie hene pisoroñe. [10] Le o nte-Levio: Iehosoa ana' i Azanià, i
Binoy amo ana' i Kenadadeo, i Kadmiele; [11] naho o rahalahi' iareoo: i Sebanià,
i Hodià, i Kelita, i Pelaià, i Kanàne; [12] i Mikà, i Rekobe, i Kasabià, [13] i Zakore, i
Serebià, i Sebanià; [14] i Hodià, i Baný, i Beninò. [15] Ty mpiaolo' ondatio: i Parose,
i Pakate-moabe, i Elame, i Zatò, i Baný; [16] i Boný, i Azgade, i Bebaý; [17] i Adoniià,
i Bigvay, i Adine; [18] i Atere, i Kizekià, i Azore; [19] i Kodià, i Kasome, i Betsay; [20] i
Karife, i Anatote, i Nebay, [21] i Magpiase, i Mesolame, i Kezire; [22] i Mesezabele, i

† **9:29** Sor 18:5, Mat 19:17, Lke 10:28, Jao 12:50

Tsadoke, Iadoà; 23 i Pelatià, i Kanàne, i Ananià; 24 i Hoseà, i Kananià, i Kas'sobe;
25 i Halokese, i Pilhà, i Sobeke; 26 i Rekome, i Kasabnà, i Maaseia; 27 naho i Akià, i
Kanàne, i Anane; 28 i Maloke, i Karime, i Baanà. 29 Le ty ila' ondatio, o mpisoroñeo, o
nte-Levio, o mpañambeñeo, o mpisaboo, o mpitoroñ' anjombao naho o hene ondaty
niavak' am'ondati' i taneio ty amy Han' Añaharey, o vali'eo, o ana-dahi'eo naho
o anak' ampela'eo, ze nahilala naho naharendreke; 30 ro nirekets' amo longo'eo,
amo roandria' iareoo, le nifanta naho nititike, t'ie hañavelo amy Han' Añahare
nitolorañe añamy Mosè mpitoron' Añaharey, ty hiambeñe naho hanao ze hene lili'
IEHOVÀ Talèn-tikañe naho o fepè'eo naho o fañè'eo; 31 naho tsy hatolotse am'ondati'
i taneio o anak' ampelan-tikañeo ndra o anadahin-tikañeo; 32 le ie minday kilankañe
ndra mahakama haletak' ami'ty andro Sabotse ondati' i taneio, tsy hiviliañan-tika
ami'ty SABATA ndra amo andro miavake ila'eo; naho hapòn-tika i tetekey ami'ty taom-
pahafito vaho ze fampañavahan-tsongo am-pitan' iaia.

33 Nanao fañè ka zahay songa hanolotse ty faha-telon-tsekele boa-taoñe ho ami'ty
fitoroñañe i anjomban' Añaharentikañey; 34 ho amy mofo-piatrekey naho amo
enga-mahakama mitoitoio naho amo engan-koroañe nainai'eo, amo SABOTSEO naho
amo pea-bolañeo naho amo andro namantañañeo le ho amo raha miavakeo naho
o engan-kakeo hañeferañe Israeleo vaho ho amo hene fitoloñañe añ' anjomban'
Añahareo. 35 Le nanoeñe an-kitsapake o mpisoroñeo, o nte-Levio, ondatio, ho
ami'ty fanoloran-katae, hampizilihañe aze añ' anjomban' Añaharen-tikañe ao, ty
amo anjomban-droaen-tikañeo, amo andro tinendre boa-taoñeo, harehetse amy
kitreli' IEHOVÀ Andriananañaharen-tikañey, ie nipaterañe amy Hake ao; 36 naho ty
faneseantika o loha-voan-tanen-tikañeo vaho ty loha-voa' ze volon-katae iaby, boa-
taom-boa-taoñe, mb' añ' anjomba' IEHOVÀ; 37 naho ty tañoloñoloñan' ana-dahin-
tikañe naho o terake valoha'e amo añomben-tikañeoo, ty amy nipaterañe amy
Hake ao naho ty valohan-terak' amo mpirai-trokeo naho o mpirai-liao, haneseañe
aze mb' añ' anjomban' Añaharentika, mb' amo mpisoroñe mitoroñe añ' anjomban'
Añaharentikañeo 38 naho ty haneseañe ty valohan-koba naho o engaeñeo; naho ty
voa' ze hene karazan-katae, ty divay naho menake, mb' amo mpisoroñeo, mb'amo
efets' efen' anjomban' Añaharen-tikañeo vaho mb'amo nte-Levio ty faha-folom-boka'
o tete'aio, amy te mandrambe ty faha-folo amo teten-tika an-drovan-tikañe iabio o
nte-Levio. 39 Le hitraok' amo nte-Levio o mpisoroñe ana' i Aharoneo, ie mandrambe
ty faha-folo' iareo o nte-Levio; le hendese' o nte-Levio mb' añ'anjomban' Añaharen-
tikañe mb' amo efets' efen-trañom-pañajañeo ty am-pahafolo' i fahafoloy. 40 Aa le
hendese' o ana' Israeleo naho o nte-Levio i enga ahelahelay, i ampembay, i divaiy
naho i menakey, mb'amo efets-efem-pañajan-karao' i toetse miavakey naho mb'amo
mpisoroñe mifanehakeo naho amo mpañambeñeo vaho amo mpisaboo vaho tsy
haforintsentika ty anjomban' Añaharentika.

# 11

1 Toe nimoneñe e Ierosalaime ao o mpifehe' ondatio, le nifanendre an-kitsapake
ka ondaty ila'eo, ty haneseañe ty raik' ami'ty folo ho mpimoneñe e Ierosalaime an-
drova miavak' ao vaho apok' amo rova ila'eo ty sive. 2 Le nitatàe' ondaty iabio
o lahilahy nanolo-batañe himoneñe e Ierosalaimeo. 3 Irezao o mpiaolo' i borizà
nimoneñe e Ierosalaimeoy, fe songa nimoneñe am-panaña'e amo rova' Iehodao o nte-
Israeleo, o mpisoroñeo naho o nte-Levio naho o mpitoroñ' anjombao vaho o anam-
pitoro' i Selomòo. 4 E Ierosalaime ao ty nimoneña' ty ila' o nte-Levio naho o ana' i
Beniamineo. Amo ana' Iehodao: i Ataià, ana' i Ozià, ana' i Zekarià, ana' i Amarià,
ana' i Sefatià, ana' i Mahalalile, amo tarira' i Peretseo; 5 naho i Maaseià, ana' i Baroke,

ana' i Kolkozè, ana' i Kazaià, ana' i Adaià, ana' Ioroaribe, ana' i Zekarià, ana' i nte-
Siloney. [6] O hene ana' i Peretse nimoneñe e Ierosalaimeo: lahilahy maozatse efa-jato-
tsi-enempolo-valo'amby. [7] Irezao o ana' i Beniamineo: i Salò, ana' i Mesolame, ana'
Ioede, ana' i Pedaià, ana' i Kolaià, ana' i Maaseià, ana' Itiele, ana' Iesaià. [8] Nanonjohy
aze t'i Gabay, i Salay, sivan-jato-tsi-roapolo-valo' amby. [9] Le Ioele ana' i Zikrý ty
nimpisary iareo; vaho nimpifehe faharoe' i rovay t'Iehoda ana' i Hasenoà. [10] Amo
mpisoroñeo: Iedaià, ana' Ioiaribe, Iakine, [11] i Seraià, ana' i Kilkià, ana' i Mesolame,
ana' i Tsadoke, ana' i Meraiote, ana' i Akitobe, mpifehen' anjomban' Añahare, [12] le
o rahalahi' iareo mpitoloñe amy anjombaio: valon-jato-tsi-roapolo-ro'amby; naho
Adaià, ana' Ierokame, ana' i Pelalià, ana' i Amtsý, ana' i Zekarià, ana' i Paskore, ana'
i Malkiià, [13] naho o rahalahi'eo, talèn' anjomban-droae: roan-jato-tsi-efapolo ro'amby
naho i Amassay, ana' i Azarele, ana' i Akzay, ana' i Mesilemote, ana' Imere, [14] naho o
rahalahi'e, lahindefo-maozatseo, zato-tsi-roapolo-valo' amby, nisaria' i Zabdiele ana'
o Hagadoleo. [15] Le amo nte-Levio: i Semaià, ana' i Kasobe, ana' i Azrikame, ana' i
Kasabià, ana' i Boný; [16] naho i Sabetay naho Iozabade, amo mpiaolo nte-Levy mpisary
o raha alafe' i anjomban'Añahareio; [17] naho i Matanià, ana' i Mikà, ana' i Zabdý,
ana' i Asafe mpiaolo, namototse ty fañandriañañe am-pitalahoañe naho i Bakbokià,
ty faharoe amo rahalahi'eo; naho i Abdà, ana' i Samoà, ana' i Galale, ana' Iedotone.
[18] Le o nte-Levy an-drova masiñeo: niroan-jato-tsi-valom-polo-efats' amby. [19] Le o
mpañambeñeo, i Akobe, i Talmone naho o rahalahi'e mpigari-lalambeio: zato-tsi-
fitompolo-ro'amby.

[20] Le o sisa' Israeleo, amo mpisoroñeo, amo nte-Levio, ze hene an-drova' Iehoda
añe, sindre am-panaña'e ao. [21] Fe nimoneñe e Ofele ao o mpitoroñ' anjombao; i
Tsikà naho i Gispà ty nimpisary o mpitoroñ' anjombao. [22] Le ty nimpisari' o nte-
Levy e Ierosalaimeo t'i Ozý ana' i Baný, ana' i Kasabià, ana' i Matanià, ana' i Mika,
amo ana' i Asafeo, songa mpisabo mitoloñe añ' anjomban' Añaharey, [23] fa am'iereo
ty lili' i mpanjakay, ty fanohanañe o mpisaboo, ze ipaiañe boak' andro. [24] Naho
i Petakià, ana' i Mesezabele, ana' i Zerà, ana' Iehodà ty tam-pità i mpanjakay ty
amy ze nioza am' ondatio. [25] Le o tanàñe reketse teteke nimoneña' ty ila' o ana'
Iehodaoo, e Kiriate-arba naho o tanà'eo naho e Dibone naho o tanà'eo vaho e Iekabe-
zeele naho o tanà'eo; [26] le e Iehosoa naho e Moladà vaho e Bete-pelete; [27] naho e
Katsare-saole naho e Beer-sevà rekets' o tanà'eo [28] naho e Tsiklage naho e Mekonà
rekets' o tanà'eo; [29] naho e En-drimone naho e Tsorà naho e Iarmote; [30] e Zanoake,
e Adolame naho o tanà'eo, e Lakise rekets' o tete' iareoo, e Azekà rekets' o tanà'eo.
Aa le nitobe mifototse e Beer-Sevà eo pak' am-bavatane' i Hinome eo iereo. [31] Le o
ana' i Beniamineo mifototse e Gibà, le e Mikmase naho e Aiià naho e Betele rekets' o
tanà'eo; [32] e Anatote, e Nobe, e Ananià; [33] e Kàtsore, e Ramà, e Gitaime; [34] e Kadide,
e Tseboime, e Nebalate; [35] e Lode naho e Ono naho am-bavatane' o mpandrafitseo.
[36] Le o nte-Levio; nampireketeñe amy Beniamine o firimboña' Iehoda ila'eo.

# 12

[1] Irezao o mpisoroñe naho nte-Levy nindre nionjoñe amy Zerobabele, ana' i
Sealtiele naho Iesoa mb'eoo: i Serià, Iiremià, i Ezra, [2] i Amarià, i Maloke, i Katose;
[3] i Sekanià, i Rekome, i Meremote; [4] Idò, i Ginetoy, i Abià; [5] i Miiamine, i Maadià, i
Bilgà; [6] i Semaià naho Ioiaribe, Iedaià; [7] i Salò, i Amoke, i Kilkià, Iedaià, ie mpiaolom-
pisoroñe naho o longo'eo tañ' andro' Iesoà. [8] Le o nte-Levio: Iehosoa, i Binoý, i
Kadmiele, i Serebià, Iehoda naho i Matanià mpiaolom-pañandriañañe, ie vaho o
longo'eo. [9] Le i Bakbokià naho i Oný, rahalahi' iareo, nifanandrife am' iereo am-
pirimboñañe.

10 Nisamak’ Ioiakime t’Iehosoa; le nisamak’ i Eliasibe t’ Ioiakime; le nisamak’
Ioiadà t’i Eliasibe, 11 vaho nisamak’ Ionatane t’i Ioiadà. 12 Ie tañ’ andro Ioiakime,
le nimpisoroñe naho mpiaolo añ’ anjomban-droae’ i Seraià t’i Meraià, ahy Ieremià
t’i Kananià; 13 ahy Ezra t’i Mesolame; ahy Amarià t’Iehokanane; 14 ahy Melikò
t’Ionatane; ahy Sebanià t’Iosefe; 15 ahy Karime t’i Adnà; ahy Meraiote t’i Kelkay; 16 ahy
Idò t’i Zekarià; ahy Ginetone t’i Mesolame; 17 ahy Abiià t’i Zikrý; boake Miniamine;
ahy Moadià t’i Piltay; 18 ahy Bilgà t’i Samoà; ahy Semaià t’Iehonatane; 19 naho ahy
Ioiaribe t’i Matenay; ahy Iedaià t’i Ozý; 20 ahy Salay t’i Kalay; ahy Amoke t’i Evre;
21 ahy Kilkià t’i Kasabià; ahy Iedià, t’i Netanele.

22 O nte Levy tañ’andro’ i Eliasibeo, Ioiada naho Iohanane naho Iadoà ty nivolilieñe
ho roaen’ anjomban-droae; hoe zay ka o mpisoroñeo, tañ’andro’ i Dareiavese nte-
Parsý. 23 Sinokitse amy boken-taliliy pak’ añ’ andro’ Iokanane ana’ i Eliasibe o ana’
i Levy, mpiaolon’ anjomban-droaeo. 24 Le o mpiaolo nte-Levio: i Kasabià, i Serebià,
Iesòa, ana’ i Kadmiele, mitraok’ amo rahalahi’e nifanandrife am’ iareoo, handrenge
naho hañandriañe, ty amy lili’ i Davide ‘ndatin’ Añaharey, firimboñañe miatre-
pirimboñañe. 25 Nimpañambem-pizilihañe nitam-pijilovañe añ’ efem-pañaja’ o
lalambei’eo t’i Matanià naho i Bakbokià, i Obadia, i Mesolame, i Talmone vaho i
Akobe. 26 Tañ’andro’ Ioiakime ana’ Iesòa, ana’ Iotsadake naho tañ’ andro’ i Nekemià
mpifehe vaho i Ezra mpisoroñe, mpanokitse, irezay.

27 Ie tamy fañorizañe i kijoli’ Ierosalaimeiy, le nitsoehe’ iareo an-toe’ iareo iaby
o nte-Levio hitaoñe iareo mb’e Ierosalaime, hitañe i fañorizañey am-pirebehañe
naho fañandriañañe naho fisaboañe, am-pikorintsañe naho jejobory vaho marovany.
28 Aa le nifanontoñe boak’ am-paripari’ Ierosalaime ey naho boak’ amo tanàm-
pitoroñe añ’anjombao o anam-pisaboo; 29 naho boak’e Bete-gilgale vaho boak’ an-
tete’ i Gebà naho i Atsmavete ao; fa namboatse tanañe mañohoke Ierosalaime
o mpisaboo. 30 Le nañefe-batañe o mpisoroñeo naho o nte-Levio; le nefera’
iereo ondatio naho o lalambeio vaho i kijoliy. 31 Le nendeseko mb’ ambone’ i
kijoliy mb’eo o mpiaolo’ Iehodao, le nanendreako firimboñam-pisabo jabajaba roe,
ty valoha’e hionjomb’ an-kavana ambone’ i kijoliy mb’ an-dalambeim-porompotse
mb’eo; 32 nanonjohy iareo t’i Hosaià naho ty vakim-piaolo’ Iehodao; 33 naho i Azarià,
i Ezra vaho i Mesolame, 34 Iehoda naho i Beniamine naho i Semaià vaho Ieremià;
35 naho ty ila’ o anam-pisoroñe mpinday trompetrao: i Zekarià, ana’ Ionatane,
ana’ i Semaià, ana’ i Matanià, ana’ i Mikaià, ana’ i Zakore, ana’ i Asafe; 36 naho
o rahalahi’eo: i Semaià naho i Azarele, i Milalay, i Gilalay, i Maaý, i Netanele
vaho Iehodà, i Kananý, rekets’ o fititiha’ i Davide ondatin’ Añaharey; le niaolo
iareo t’i Ezra, mpanokitse; 37 Ie an-dalambein-drano migoangoañe eo, le nivantañe
nañambone’ i fanongàn-drova’ i Davidey, amy fanongan-kijoly ambone’ ty anjomba’
i Davidey, mb’ an-dalambein-drano atiñanam-b’eo. 38 Le nimb’ ami’ty hifanalakàñe
amy raikey i firimboñam-pañandriañañe ila’ey, toe nanonjohy iereo raho, nitraok’
amy an-tsasa’ ondatioy, ambone’ i kijoliy, mb’ambone’ i fitalakesañ’ abon-toñakey,
mb’ amy kijoly mitratrañàkey, 39 le mb’ ambone’ i lalambei’ Efraimey mb’eo naho
nioza i lalambein-drova taoloy naho i lalambeim-piañey naho ty fitalakesañ’abo’
i Kanànele naho ty fitalakesañ’abo’ i Zatoy mb’amy lalambein’ añondriy mb’eo,
vaho nijohañe an-dalambeim-pigaritse eo. 40 Teo ty nijohaña’ i firimboñañe roe
nañandriañe añ’ anjomban’ Añahare ao rey naho zaho, rekets’ i vakim-piaolo nindre
amakoy; 41 naho o mpisoroñeo, i Eliakime, i Maaseià, i Miniamine, i Mikaià, i Elionay,
i Zekarià naho i Kananià, rekets’ o trompetrao; 42 naho i Maaseià naho i Semaià naho
i Ozý naho Iehokanane naho i Malkiià naho i Elame vaho i Ezere. Nampipoña-peo o
mpisaboo, mpifelek’ iareo t’Iizrakà. 43 Le nañenga soroñe ra’elahy iereo amy andro
zay naho nirebeke, fa nampirebehen’ Añahare an-kafaleam-bey; naho o rakembao

naho o ajajao; vaho nijanjiñeñe lavitse añe ty hafalea’ Ierosalaime.
44 Amy andro zay ty nanendreañe ondaty hifehe o trañom-pañajàñe o varao, o
engan-kelahelao, o loha-voao vaho o faha-foloo, te hatontoñe ao ty boak’ amo teten-
drovao ty anjara tinendre’ i Hake amo mpisoroñe naho nte-Levio; amy te nirebeke
ty amo mpisoroñeo naho o nte-Levy mpijohañeo t’Iehodà. 45 Ie nañambeñe ty
fitoroñañe an’ Andrianañahare’ iareo naho i fañeferañey, le nanahake zay ka o
mpisaboo naho o mpigaritseo, ie lili’ i Davide naho i Selomò ana’ey. 46 Fa teo tañ’
andro’ i Davide naho i Asafe taolo, o mpiaolom-pisabo naho sabom-pandrengeañe
naho fañandriañañe aman’ Añahareo. 47 Aa le songa nanolotse ty anjara’ o mpisaboo
naho o mpañambeñeo ami’ ty andro’e t’Israele tañ’ andro’ i Zerobabele naho faha’
i Nekemià, le nandiva’ iareo amo nte-Levio vaho nandiva’ o nte-Levio amo ana’ i
Aharoneo.

# 13

1 Vinaki’ iareo amy andro zay ty boke’ i Mosè am-pijanjiña’ ondatio, le tendrek’ ao
te tsy mahazo mimoak’ am-pivorin’ Añahare ao t’i nte-Amone naho t’i nte-Moabe;
2 amy t’ie tsy nifanalaka amo ana’ Israeleo hinday mofo naho rano, te mone kinarama’
iareo t’i Balame hamatse iareo; fe nafoten’ Añaharen-tika ho fitahiañe i fatsey. 3 Aa ie
nahajanjiñe Hake iereo le nambaha’ iareo am’ Israele ze hene tamingañe tsy ki’e. 4 Ie
taolo’ zay, i Eliasibe mpisoroñe tinendre hifehe o efets’ efen’ anjomban’ Añaharen-
tikañeo, ie longo i Tobià 5 le hinajari’e ho aze ty efetse jabajaba fampipohañe o
enga-mahakamao naho i embokey naho o fanakeo naho o fahafolon’ ampembao, ty
divay vaho ty menake natolotse, ie liliy amo nte-Levio naho amo mpisaboo naho
amo mpañambeñeo; vaho o engan-kelahelam-pisoroñeo. 6 Toe tsy e Ierosalaime
ao raho henane zay iaby; fa nimb’ amy mpanjakay añe amy taom-paha-telopolo-ro’
ambi’ i Artaksastà mpanjaka’ i Baveley; ie modo ty andro tsiampeampe le nihalaly
t’ie hienga i mpanjakay; 7 aa ie nivotrake e Ierosalaime ao naho naharendreke ty
haratiañe nanoe’ i Eliasibe ho a i Tobià, ie nañajary efetse amo efets’ efen’ Anjomban’
Añahareo, 8 le niforoforo, fonga nahifiko alafe’ i efetsey o kilankan’ akiba’ i Tobiao.
9 Liniliko amy zao, le niliove’ iereo o efetseo; le nampoliko ao ze haraotse amy
anjomban’ Añaharey, miharo amo enga-mahakamao naho i embokey.
10 Tendrek’ ahy ka te tsy natolotse amo nte-Levio ty anjara’ iareo; aa le songa
niavotse mb’ an-tete’e añe o nte-Levio naho o mpisabo nimpitoloñeo. 11 Natretreko
amy zao o mpifeheo ami’ty hoe: Aa vaho akore te naforintsiñe ty anjomban’
Añahare? Aa le natontoko iereo naho sindre najadoko an-toe’e eo 12 vaho ninday
ty fahafolon’ ampemba naho ty divay naho ty menake mb’ am-pañajam-bara ao
t’Iehoda iaby. 13 Le nanoeko mpifehe o fañajam-barao t’i Selemià mpisoroñe naho
i Tsadoke mpanokitse, vaho amo nte-Iehodao: i Pedaià naho i Kanàne ana’ i Zakore
ana’ i Matanià ho mpiama’e; amy t’ie natao ho migahiñe, vaho lili’ iareo ty fanjarañe
amo rahalahi’eo. 14 Tiahio raho ry Andrianañahareko ty amy zay, le ko fòra’o o sata
soa nanoeko amy anjomban’ Añaharekoy naho o fitoloñañe azeo.
15 Nitreako amy andro rezay, e Iehodà ao ty mpandialia fampipiritan-divay ami’ty
Sabotse naho ty nimoak’ ao nilogologo ampemba naho nampijiny aze ami’ty borìke;
naho ty divay, ty valoboke naho ty sakoañe naho ze atao kilankañe vaho nazilike
am’ Ierosalaime ao ami’ty andro Sabata; le nendahako amy andro nandetàha’
iareo i mahakamaiy. 16 Nimoneñe ao ka o nte-Tsore mpinday fiañe naho ze hene
kilanka’eo, nandetak’ amo ana’ Iehodao naho e Ierosalaime ao ami’ty Sabotse. 17 Aa
le nendahako o mpiaolo’ Iehodao ami’ty hoe: Ino ze o haloloañe anoe’ areo zao?
kanao mañota-faly ami’ty andro Sabata. 18 Tsy zay hao ty nanoen-droae’ areo
nampifetsahan’ Añaharen-tika amantika naho ami’ty rova toy o hankàñe iaby zao?

Te mone tompea’ areo am’ Israele ty haviñerañe t’ie mandilatse amo Sabotseo. [19] Aa
ie fa nihamaieñe o lalambei’ Ierosalaimeo aolo’ ty Sabata, le liniliko te harindriñe o
lalambeio naho liniliko t’ie tsy ho sokafeñe ampara’ te modo ty Sabotse vaho najadoko
hifelek’ o lalambeio ty ila’ o mpitorokoo tsy mone hazilik’ ao ami’ty andro Sabata o
kilankañeo. [20] Teo te nitobe alafe’ Ierosalaime ao indraike ndra indroe o mpandetake
naho mpanao takinak’ amy ze karaza kilankañe iabio; [21] le hinatahatako ami’ty hoe:
Ino ty itobea’ areo marine’ o kijolio? Ie mb’e ahere’ areo le ho zevoñeko am-pitàñe.
Mifototse amy zay tsy nionjo-mb’eo ami’ty Sabotse iereo. [22] Ie amy zao liniliko o
nte-Levio ty hañefe-batañe naho homb’ amo lalambeio hañambeñe ty hamasiña’
ty andro Sabata. Tiahio ty amako ka zao ry Andrianañahareko vaho arovo ami’ty
hara’elahim-pitretreza’o.
[23] Nitreako amy andro rezay ka te nanambaly rakemba nte-Asdode naho nte-Amone
vaho nte-Moabe o nte-Iehodào; [24] le o ana’eo, ty ila’e nirehake an-tsaontsi’ i Asdode
fa tsy nahafirehake an-tsaontsi’ Iehoda, songa ami’ty fireha’ ondati’eo avao; [25] aa le
natreatréko, nafako, linafako ty ila’e naho nonorako o maroi’eo vaho nampifantàko
aman’ Añahare: Ko atolo’ areo amo ana-dahi’ iareoo o anak’ ampela’ areoo, ndra
mañenga o anak’ ampela’ iareo ho amo ana-dahi’ areoo ndra ho am-bata’ areo. [26] Tsy
nanan-kakeo amy rezay hao t’i Selomò mpanjaka? Ie amo fifeheañe màroy, leo raike
tsy nanam-panjaka nañirinkiriñe aze naho nikokoan’ Añahare vaho nanoen’ Añahare
mpanjaka’ Israele iaby; fe nampanan-tahiñe aze o rakemba ambahinio. [27] Aa vaho
hitrao-drehak’ ama’ areo hao zahay hanoa’ areo o haloloañe zao, ty hikitrofan-draha
raty aman’ Añaharen-tika am-pañengañe valy ambahiny? [28] Le nataoko soike ty
ana’ Ioiadà, ana’ i Eliasibe mpisorom-bey, amy t’ie vinanto’ i Sanbalate nte-Koroneo.
[29] Tiahio iereo ry Andrianañahareko, amy t’ie nahativa ty fisoroñañe naho ty fañina
amo mpisoroñeo vaho amo nte-Levio. [30] Zay ty nikotriñeko iareo amy ze hene raha
ambahiny naho tinendreko ty fitoroña’ o mpisoroñeo naho o nte-Levio, songa amo
tolon-draha’eo; [31] naho ty fanoloran-katae naho o andro tinendreo vaho o loha-voao.
Tiahio raho ho ami’ty hasoa ry Andrianañahareko.

# Estere

[1] Teo tañandro' i Akasverose, i Akasverose nifehe boake Hodò pake Kose, nifeleke
tane zato-tsi-roapolo-fito' ambiy, [2] tamy andro rezay, te niambesatse am-piambesam-
pifehea'e am-positse e Sosane ao t'i Akasverose, [3] amy taom-paha-telo' i fifehea'ey le
nanao sabadidake ho a' o roandria'e naho mpitoro'e iabio, o mpiaolom-balobohò' i
Parasè miharo Madaio, o androanavy naho roandriam-pifeleha'e miatrek' azeo; [4] le
nisengea'e andro maro o vara' i fifehea'e fanjakao naho ty asi' i volonahe'e ra'elahiy,
toe zato-tsi-valom-polo andro. [5] Ie niheneke i andro rezay, le nanao sabadidake e
Sosane am-positse ao i mpanjakay, ho amy ze hene ondaty ty bey naho ty kede,
fito andro, an-kiririsan-kodobo' i anjombam-panjakay ao; [6] niradorado eo ty hasiñe
marerarera naho manga, niarifehèñe taly leny malòmavo, ami'ty boda volafoty naho
faham-bato-hara'e; naho fiambesatse volamena naho volafoty, an-tane nilafiheñ'
antsetra naho foty naho sakatsike vaho vato-haran-gero'e. [7] Nanjotsoañe rano am-
pitovy volamena—fanake sambe mifañambake—naho divaim-panjaka tsifotofoto, ty
amy fiotrotròam-panjakay. [8] Ty lili' i finomañey, le t'ie tsy an-jitse, ami'ty nafanto' i
mpanjakay amy mpifehen' anjomba'ey, te sindre hanao an-tsatri'e ondatio. [9] Nanao
takataka ho amo rakembao ka t'i Vastý mpanjaka-ampela, añ' anjombam-panjaka'
i Akasverose ao. [10] Ie amy andro faha-fitoy, ie navarimbarin-divay ty arofo' i
mpanjakay, le linili'e t'i Mehomane, i Biztà, i Karbonà, i Bigtà naho i Abagtà, i
Zetare vaho i Karkase, i mpiatrake fito mpitoroñe añatrefa' i Akasverose mpanjaka
rey, [11] te hasese aolo' i mpanjakay t'i Vastý mpanjaka-ampela rekets' i sabakan-
engeñey hisenge ty hamontramontra'e am' ondatio naho amo mpifelekeo, amy t'ie
homozohozo am-pahaisahañe. [12] F'ie nifoneñe tsy nimb' amy linili' i mpanjakay
añamo mpiatrakeoy; aa le niforoforo i mpanjakay, nisolebotse ty haviñera'e. [13] Le
hoe i mpanjakay amo mahihitse mahafohiñe o sào; (toe zay ty nisata' i mpanjakay
añatrefa' o mpahay lily naho zakao; [14] naho o narine azeo: t'i Karsenà, i Setare, i
Admatà, i Tarsise, i Merese, i Marsenà vaho i Memokane, i mpifehe fito' i Parase
naho i Maday mpahaisake ty lahara' i mpanjakay rey, ie mpiambesatse an-dohà' i
fifeheañey;) [15] Ino ty hanoan-tika amy Vastý mpanjaka-ampela ty amy liliy kanao tsy
hinao'e ty nandilia' i Akasverose mpanjaka añamo mpiatra'eo? [16] Le hoe ty natoi'
i Memokane añatrefa' i mpanjakay naho o roandriañeo, Tsy vaho amy mpanjakay
avao ty nanoa' i Vastý mpanjaka-ampela hakeo, fa toe amo roandriañe iabio naho
amy ze hene ondaty am-pifeleha' i Akasverose mpanjaka. [17] Amy te hiboele amy ze
hene rakemba i nanoe' i mpanjaka-ampelaiy vaho songa hanirìka' i vali'ey, ami'ty
hoe: Linili' i Akasverose mpanjaka te hasese añatrefa'e eo t'i Vastý mpanjaka ampela,
f'ie tsy nimb'eo. [18] Fonga hanao i hoe zay te anito o tañanjomba' i Parase naho i
Maday mahajanjiñe ty sata' i mpanjaka ampelaio amo mpifele' i mpanjakaio, le ho
ra'elahy ty sirika naho fombo. [19] Aa naho no' i mpanjakay, ee te haboele'e ty nafèm-
panjaka naho ho sokireñe amo lili' i Parase naho i Madaio, tsy hiova'e, te tsy hiheo
añatrefa' i Akasverose mpanjaka eo ka t'i Vastý vaho hatolo' i mpanjakay ami'ty
lombolombo'e ty fandilia'e. [20] Ie hanitsike ty fifehea'e ty fijanjiñañe i tsey hanoe' i
mpanjakaiy, ndra te ie bey henehene, le songa hiasy ty vali'e o tañanjombao, ty bey
naho ty kede. [21] Niteà' i mpanjakay naho o roandriañeo i saontsy zay vaho nanoe'
i mpanjakay i nitaroñe' i Memokaney; [22] le hene nampihitrife'e amy ze fifeleha'
i mpanjakay ty taratasy ty amy sinokitsey naho mb'amy ze karaza' ondaty amy
saontsi'ey, soa te songa hanandily añ'anjomba'e ao o lahilahio vaho haboele amy
ze fonga saontsi' ondaty zay.

# 2

[1] Ie añe, naho fa nanintsiñe ty fiforoforoa' i Akasverose mpanjaka, le nitiahi'e t'i
Vastý, i nanoa'ey vaho i nandiliañe azey. [2] Le hoe o mpitoro' i mpanjakay niatrak'
azeo: Ehe te ho tsoeheñe ho a i mpanjakay ty somondrara soa vintañe t'ie isaheñe; [3] le
ehe te hanendre sorotà amo hene fifeleha' i fifehea'eio i mpanjakay hanontonañe an-
drova' i Sosane atoy, añ' anjomban-drakemba ao, ambane' ty lili' i Hegè, mpiatrak'
i mpanjakay, mpañambeñe o ampelao, ze fonga somondrara tsomerentsereñe ho
tolorañe ze paia'e ho ami'ty fihaminañe; [4] vaho ty somondrara tea' i mpanjakay ty
ho mpanjaka-ampela handimbe i Vastý. Nitea' i mpanjakay i entañey le nanoe'e.

[5] Teo t'i nte-Iehoda an-drova' i Sosane ao, i *Mordekay, ana' Iaire, ana' i Simeý, ana'
i Kise, ana' i Beniamine ty tahina'e; [6] amo nendeseñe boak' Ierosalaimeo, o nasese an-
drohy nindre am' Iekonià mpanjaka' Iehodao, o nasese' i Nebokadnetsare mpanjaka' i
Bavele mb'eoo. [7] Le nibeize'e t'i †Hadasae, natao ‡Estere, anak' ampelan-drahalahin-
drae'e; fa bode-rae naho tsy aman-drene naho nisoa vintañe vaho trenotreno'e i
somondraray; aa kanao fa nihomake ty rae'e naho i rene'e le rinambe' i Mordekay
re ho anak' ampela'e.

[8] Aa ie jinanjiñe ty lily naho tsei' i mpanjakay, le natontoñe an-drova' i Sosane ao
ty somondrara maro ambane' ty fifehea' i Hegey; le nampihovaeñe añ' anjomba' i
mpanjakay, ambane' i Hegè mpañambeñe o somondrarao, ka t'i Estere. [9] Le nahafale
aze i somondraray, le nahaoniña'e tretre, le nitolora'e aniany ze nipaiaeñe amy
fañaliova'ey naho o faha'eo vaho ty somondrara fito nañeva boak' añ' anjombam-
panjaka ao; le nasì'e mb'amy toetse soay re rekets' i mpiatra'e rey. [10] Tsy naboa'
i Estere ondati'eo ndra i toñon-droae'ey, fa nafanto' i Mordekay ama'e te tsy ho
volañe'e. [11] Le nidraidraitse aolon-kiririsan' anjomban-drakemba eo boak' andro t'i
Mordekay handrendreke i Estere naho ze nanoañe.

[12] Nitsatoke ho a o somondrarao te sindre hiheo añatrefa' i Akasverose mpanjaka
eo naho fa heneke ty volañe folo-ro' amby ty amy lilin-tsomondraray (fa zay ty
nahaheneke o androm-piliovañeo, toe enem-bolañe an-tsolike rame naho enem-
bolañe ami'ty mañidè naho o soli-drakemba ila'eo), [13] Zao ty niheova' ty somondrara
mb'amy mpanjakay mb'eo; natolotse aze ndra inoñ' inoñe paiae'e hindeseñe boak'
amy anjomban-drakembay mb' amy anjomba' i mpanjakay mb'eo. [14] Nizilik' ao
re te hariva, le niavotse mb'añ' anjomba faharoe' o roakembao mb'eo te loak'
andro, ho ambane' ty fifehea' i Sasgaze, mpiatra' i mpanjakay, mpañambeñe o
sakezao; le tsy niheo mb'amy mpanjakay ka re naho tsy te nitea'e vaho nikanjie'e
ami'ty añara'e. [15] Ie nitsatok' amy Estere, ana' i Abihaile, rahalahin-drae' i
Mordekay nandrambe aze ho ana'ey, ty himoak' amy mpanjakay, le tsy ino ty
nipaia'e naho tsy ze natoro' i Hege, mpiatra' i mpanjakay, mpañamben-droakembay.
Le nahaonim-pañisohañe am-pihaino' ze hene nahaisak' aze t'i Estere. [16] Aa le
nasese mb'amy Akasverose mpanjaka mb'añ' anjombam-panjaka mb'eo amy volam-
pahafolo, volam-balasira, taom-pahafitom-pifehea'ey t'i Estere. [17] Le nikokoa' i
mpanjakay mandikoatse ze somondrara iaby t'i Estere, ie nahaonim-pañisohañe
naho fitretrezañe am-pahaisaha'e eo ambone' o somondrara iabio, aa le nasampe'e
an-doha'e eo i sabakam-pifeheañey, le nanoe'e mpanjaka-ampela handimbe i Vastý.
[18] Le nanao betitake, ty takataka' i Estere, ho a ze hene roandria'e naho mpitoro'e
i mpanjakay; le nampitofa'e o fifelehañeo vaho nitolora'e falalàñe mañeva ty
vara' i mpanjakay. [19] Ie natontoñe fañindroe'e o somondrarao le niambesatse an-
dalambeim-panjaka eo t'i Mordekay. [20] Mbe tsy vinola' i Estere ty filongoa'e ndra

* **2:5** Mordekay: firehañe, hafaira; vonotroboke † **2:7** Hadasae: mañi-dè; falefale ‡ **2:7** Estere: mietake; nakafitse

ondati'eo, namantoha' i Mordekaiy; fa mbe nañorike ty lili' i Mordekay t'i Estere
manahake tamy nañabeiza'ey.

21 Tamy andro rezay, ie niambesatse an-dalambei' i mpanjakay t'i Mordekay; le
niboseke t'i Bigtane naho i Terese, roe amo mpiatra' i mpanjakaio, mpañambeñe
i lalañey, ie nikilily hampipao-pitàñe amy Akasverose mpanjaka. 22 Fe nioni' i
Mordekay i kiniay naho natalili'e amy Estere, mpanjaka-ampelay vaho tinaro' i Estere
amy mpanjakay amy tahina' i Mordekaiy. 23 Ie nitsikaraheñe i kililiy le nirendreke
naho songa naradorado an-katae ie roe; vaho nisokireñe am-boken-talily añatrefa' i
mpanjakay ao.

# 3

1 Ie añe, le nonjone' i Akasverose mpanjaka t'i *Hamane ana' i Hamedatà nte-
Agage, le nampilosore'e vaho najado'e ambone' o roandriañe iaby mpiama'eo ty
fiambesa'e. 2 Le hene nidrodrètse naho niambane amy Hamane o mpitorom-panjaka
an-dalambeio, ie nililie' i mpanjakay, fe tsy nibodreke t'i Mordekay, tsy niambane.
3 Aa le nanao ty hoe amy Mordekay o mpitorom-panjaka andalambeim-panjakao:
Ino ty andilara'o i lilim-panjakay? 4 Nisaontsiañe boak' andro, f'ie tsy nañaoñe,
le nitaroñe' iereo amy Hamane, hahaoniñañe hera hijadoñe ty saontsi' i Mordekay;
kanao nitalilia'e t'ie nte-Iehoda. 5 Aa ie niisa' i Hamane te tsy niondreke tsy niambane
ama'e t'i Mordekay, le nilifom-pifombo t'i Hamane, 6 fe natao'e ho kede a-maso'e
te i Mordekay avao ty hampipaoham-pitàñe; amy te nandrendrehañe aze ondati' i
Mordekaio; aa le ie nipay ty hanjamañe ze fonga nte-Iehodà am-pifehea' i Akasverose
ao; toe ondati' i Mordekaio.

7 Ie am-bolam-baloha'e, am-bolan-kofahofa, an-taom-paha-folo-ro' ambi' i
Akasverose, le nandafihañe voam-pane; nisikilieñe añatrefa' i Hamane handro an-
kandro naho volañ' am-bolañe pak' am-bolam-paha-folo-ro'amby, i volan-kiahiay.
8 Le hoe t'i Hamane amy Akasverose Mpanjaka: Eo ty karaza' ondaty, miparait-
sake naho mibarakaik' am' ondati' ze hene fifeleham-pifehea'oo naho aman-dily
miambak' amo lili' ondaty iabio vaho tsy tana' iareo o lilim-panjakao; aa le tsy
mañeva i mpanjakay te hado'e hitoetse. 9 Aa naho no' i mpanjakay, ehe te ho sokireñe
t'ie ho mongoreñe; le handivako talenta volafoty rai-ale am-pità' o mpamandrom-
panjakao, handesañe am-pañajàm-bara' i mpanjakay. 10 Aa le napitso' i mpanjakay
am-pità'e ty bange'e vaho natolo'e amy Hamane ana' i Hamedatà nte Agage, rafelahi'
o nte-Iehodao. 11 Le hoe i mpanjakay amy Hamane: Azo avao i volafotiy naho ondatio,
hanoa'o ze atao'o ho soa. 12 Kinòike amy androm-paha-folo-telo' ambi' i volam-
baloha'eiy o mpanokim-panjakao, le nanokirañe, ami'ty lili' i Hamane, o sorotào
naho ze hene mpifele-pifelehañe naho ze fonga mpiaolo' ondaty; sindre faritse amy
fisoki'ey naho songa karaza' ondaty amy saontsi'ey; toe nanokirañe ami'ty tahina'
i Akasverose mpanjaka vaho vinoli-tombo' ty bange' i mpanjakay. 13 Nahitrik' amo
hene rovam-pifeleha' i mpanjakaio ty taratasy: te harotsake, ho zamaneñe naho ho
mongoreñe, ze atao nte-Iehoda, ty bey naho ty kede, anak' ajaja naho rakemba, ami'ty
andro raike, ami'ty andro fahafolo-telo' ambi' i volam-paha-folo-ro'ambiy, i volan-
kiahiay, le ho kopaheñe ty vara' iareo ho tambe. 14 Le haborak' amy ze kila ondaty ty
hamban-dika' i sinokitsey, ho tseizeñe amy ze hene fifelehañe, ty hihentseña' iareo
i andro zay. 15 Nihenereake mb'eo o mpañitrikeo ty amy nafè' i mpanjakaiy naho
zinara an-drova' i Sosane eo i liliy; vaho niambesatse hikama rano i mpanjakay naho
i Hamane; fe nitsiborohetoke ty rova' i Sosane.

* 3:1 Hamane: koràke, fivalitsikotahañe

# 4

1 Ie nirendre' i Mordekay i nanoeñe rezay, le niriate' i Mordekay o saro'eo, le
nisikin-gony naho lavenoke, le niheo añivo' i rovay, nampipoña-koaike mafaitse.
2 Nañavelo pak' an-dalambeim-panjaka eo re, fa tsy eo ty mimoak' amy lalambeim-
panjakay misikin-gony. 3 Aa ndra fifelehañe aia aia ty nandoaha' i lily naho tsei'
mpanjakaiy, le akore ty habeim-pirovetañe amo nte-Iehodao, reke-lilitse, fangololoi-
hañe naho fangoihoiañe; vaho maro ty nibabok' an-gony naho an-davenoke.

4 Aa le niheo mb'amy Estere mb'eo o mpiatra'eo naho o mpifehe'eo nitalily ama'e.
Vata'e nalorè amy zao i mpanjaka-ampelay vaho nampañitrife'e lamba t'i Mordekay,
hañafahañe i goni'ey, fe tsy rinambe'e. 5 Tinoka' i Estere t'i Hatàke amo mpiatram-
panjakao, i tinendre hiatrak' azey le nafantok' ama'e ty hiheo mb' amy Mordekay
mb'eo haharendreke t'ie inoñe ndra manao akore. 6 Aa le nimb'amy Mordekay an-
dala' i rovay aolo' i lalambeim-panjakay mb'eo t'i Hatàke. 7 Le nitalilia' i Mordekay
ze fonga nifetsak' ama'e naho ty drala do'e nampitamae' i Hamane hondroha'e
amo fañajam-baram-panjakao ty amo nte-Iehoda hamongorañeo. 8 Natolo'e aze
ka ty dika-mira i taratasin-tsey zinara e Sosane ao hanjamanañe iareoy, hatoro'e
amy Estere, hampalangesañe ama'e, hamantohañ' aze ty homb' amy mpanjakay,
hitoreo fiferenaiñañe, hihalalia'e añatrefa'e eo ondati'eo. 9 Aa le nimpoly mb'eo t'i
Hatàke nitalily amy Estere i enta' i Mordekaiy. 10 Le nisaontsie' i Estere amy Hatàke
ty hañitrike o entañe zao amy Mordekay: 11 Fohi' ze hene mpitoro' i mpanjakay
naho ze fonga ondatim-pifeleha' i mpanjakay, te ndra ia ia, ke lahilahy he rakemba
ty miheo mb'amy mpanjakay ankiririsa añate'e ao, ie tsy kinoike, le raik' avao ty
lili'e: havetrake naho tsy itolora' i mpanjakay i kobaim-bolamenay, hiveloma'e; fe
mboe tsy tinoka ho mb'ama'e mb'eo raho o telo-polo andro zao. 12 Natalili' iareo
amy Mordekay i lañona' i Estere zay. 13 Aa le nahere' i Mordekay amy Estere ty
hoe: Ko mañarahara te ihe añ'anjomba' i mpanjakay ty hahapolititse mandikoatse
ze nte-Iehoda iaby. 14 Aa naho mitsin-drehe henane zao le hiongake an-toetse ila'e
ty famotsorañe naho ty fandrombahañe o nte-Iehodào, fe hirotsake rehe naho i
anjomban-drae'oy; ia ty mahafohiñe, hera te nitsatok' amy mahampanjaka azoy t'ie
ho añ'andro hoe zao? 15 Aa le nampibalike ty hoe amy Mordekay t'i Estere: 16 Akia,
atontono ze hene nte-Iehodà tendreke e Sosane ao, le mililira ho ahy, ko mikama
ndra minoñe telo andro, haleñe naho handro; hililitse manahake zay ka raho naho o
somondrarakoo; zay vaho hiheo mb'amy mpanjakay mb'eo, ie tsy milahatse amy liliy;
fa naho hikenkan-draho le hikenkañe. 17 Aa le nienga mb'eo t'i Mordekay, nanao ze
hene namantoha' i Estere.

# 5

1 Ie amy andro fahateloy, le naombe' i Estere o sarom-panjaka'eo, le nijohañe an-
kiririsa añate' i anjombam-panjakay, tandrife i anjombam-panjakay; niambesatse
amy fiambesam-panjakay amy anjombam-panjakay i mpanjakay, tandrife ty fizili-
hañe amy anjombay. 2 Aa ie niisa' i mpanjakay te nijohañe an-kiririsa ao t'i Estere,
mpanjaka-ampela, le nanjo fañisohañe am-pihaino'e; vaho nahiti' i mpanjakay
ama'e i kobaim-bolamena am-pità'ey, Aa le nañarine aze t'i Estere nitsapa ty loha' i
kobaiñey. 3 Le nanoa' i mpanjakay ty hoe: Ino ty ama'o ry Estere, mpanjaka-ampela?
fa ndra inoñ' ino ty ihalalia'o pak' an-tsasa i fifeheakoy, le hatoloko. 4 Le hoe t'i Estere:
Naho atao' i mpanjakay te soa, le ehe te homb' an-takataka hinalankako ho aze i
mpanjakay naho i Hamane te anito. 5 Aa le hoe i mpanjakay, Taentaeno t'i Hamane,
hahahenefañe i saontsi' i Esterey. Aa le nimb' amy takataka nihajarie' i Esterey
i mpanjakay naho i Hamane. 6 Le hoe i mpanjakay amy Estere ami'ty fanjotsoañe

divay, Ndra inoñe ty ihalalia'o, le hatolotse azo; ndra ino ty hàta'o, ampara' ty vakim-
pifeheako, le hanoeñe. 7 Le hoe ty natoi' i Estere: Ty irieko naho ty halaliko— 8 naho
nanjo fañisohañe am-pahaisaha' i mpanjakay, lehe no' i mpanjakay ty hanolotse i
hatakoy, hanao i halalikoy—le ehe te hiheo mb' an-tsabadidake hanoeko ho a iareo i
mpanjakay naho i Hamane fa hanoeko hamaray i nisaontsiam-panjakay.
9 Niavotse an-kafaleañe naho finembanembañan-troke t'i Hamane amy àndro
zay, fa ie niisa'e t'i Mordekay an-dalambei' i mpanjakay, ie tsy niongake, tsy
nitititititike, le nilifo-piforoforoañe amy Mordekay. 10 Fe nilie-batañe t'i Hamane,
nimpoly mb'añanjomba'e añe vaho nampañitrife'e o rañe'eo naho i Zerese* vali'e;
11 naho nisengea' i Hamane ty enge' o vara'eo, ty hatsifotofoto' o ana'eo naho ty
nampañonjone' i mpanjakay ama'e iaby vaho ty nampiongaha'e ambone' o roandria
naho mpitoro' i mpanjakaio. 12 Le natovo' i Hamane ty hoe: Eka, tsy eo ty napò'
i Estere hitrao-pimoak' amy mpanjakay mb' amy takataka hinalanka'ey naho tsy
zaho; vaho nambarà'e ka ho ami'ty maray mindre amy mpanjakay. 13 Fe tsy
mahaeneñe ahy i hoe zay iabiy naho mbe treako mitozòke an-dalambeim-panjaka
eo t'i Mordekay nte-Iehoda. 14 Aa le hoe t'i Zerese tañanjomba'e naho o rañe'e
iabio ama'e: Ampitroareñe rafi-piradoradoañe, limampolo kiho ty haabo'e; aa ie
maraindray, misaontsia amy mpanjakay te haradorado ama'e t'i Mordekay; vaho
mihovà an-kazavan' arofo mindre amy mpanjakay mb'an-takataka mb'eo. Ninò' i
Hamane i hoe zay, le nampandrafete'e i fampiradoradoañey.

# 6

1 Ie amy haleñey, niazo ty tsareke i mpanjakay; le linili'e te handesañe i bokem-
pamoliliañe o talilioy, le vinaky añatrefa' i mpanjakay. 2 Sinokitse te nitaroñe' i
Mordekay i Bigtanà* naho i Terese†, mpiatra' i mpanjaka roe mpañamben-dalañe rey,
ie nikinia hampipao-tañañ' amy Akasverose mpanjakay. 3 Hoe i mpanjakay: Aa vaho
akore ty niasieñe naho nampionjoneñe i Mordekay ty amy zay? Le hoe o mpitoro' i
mpanjakay niatrak' azeo: Toe tsy nanoeñe inoñe.
4 Le hoe i mpanjakay, Ia ty an-kiririsa ao?—ie amy zao fa nimoak' an-kiririsa'
alafe' i anjombam-panjakay t'i Hamane, hisaontsy amy mpanjakay t'ie handradorado
i Mordekay amy rafitse abo hinajari'e ho azey. 5 Aa hoe o mpitoro'eo tama'e, Ingo,
mijohañe an-kiririsa ao t'i Hamane. Le hoe i mpanjakay: Ampihovao. 6 Aa le nimoak'
ao t'i Hamane. Le hoe i mpanjakay tama'e, Ino ty hanoañe amy t'indaty tea' i
mpanjakay asiñeñe?—naereñere' i Hamane: Ia ty ho tea' i mpanjakay asiñeñe naho
tsy zaho? — 7 le hoe t'i Hamane amy mpanjakay: Ty am' indaty tea' i mpanjakay
asiñeñey, 8 le aboake i sarom-panjaka fiombea'ey naho i soavala finingira'ey vaho i
sabakam-bolonahetse fiombeañe añambone'e eo; 9 le ampiseseheñe ami'ty raik' amo
roandriam-bei' i mpanjakaio i saroñe rey naho i soavalay, hampisaroña'e indaty
tea' i mpanjakay asiñeñey naho hampionjoneñe amy soavalay am-pañaveloañe
an-dala' i rovay mb'eo vaho koiheñe aolo'e eo ty hoe: Zao ty hanoañe ondaty
tea' i mpanjakay asiñeñeo. 10 Aa le hoe i mpanjakay amy Hemane: Malisà arè,
rambeso i saroñey naho i soavalay amy sinaontsi'oy le ano amy Mordekay nte-Iehoda
mpiambesatse an-dalambeim-panjaka eo zay; ko apo'o ndra loli'e amy nitaroñe'oy.
11 Aa le rinambe' i Hamane i saroñey naho i soavalay naho naombe'e amy Mordekay
naho nampionjone'e am-pirangàñe i lalan-drovay, nikoik' aolo'e eo, ty hoe: Zao ty
hanoañe t'indaty tea' i mpanjakay asiñeñe.
12 Le nimpoly mb'an-dalambeim-panjaka mb'eo t'i Mordekay. Fe nihitrihitry mb'
añ' anjomba'e mb'eo t'i Hamane niojeoje, nitakon-doha. 13 Natalili' i Hamane amy

* 5:10 Zerese: hasotriañe, alike, lova niparatsake * 6:2 Bigtanà: am-piriritañe ao; manolo-hena † 6:2 Terese: masiake

Zerese vali’ey naho amo rañe’e iabio i fonga nifetsak’ ama’ey. Le hoe ondati’e
mahihitseo naho i Zerese vali’ey ama’e: Naho tiri’ Iehoda t’i Mordekay, ihe nafotsak’
aolo’e eo, le tsy hahafitroara’o, fa tsy mete tsy hiridiñe añatrefa’e. 14 Ie mbe
nisaontsieñe, le pok’eo o mpiatram-panjakao nanaentaeñe i Hamane homb’amy
sabadidake nihalankañe’ i Esterey.

# 7

1 Aa le nimb’ amy sabadidakey mb’eo i mpanjakay naho i Hamane mitraok’ amy
Estere mpanjaka-ampela. 2 Le nanao ty hoe amy Estere indraike i mpanjakay amy
andro faharoey amy fanjotsoañe divaiy: Ndra inoñe ty halali’o, Estere mpanjaka-
ampela, le hatolotse azo; vaho ndra inoñ’inoñ’ o salalae’oo, le hanoeñe ampara’ ty
vakim-pifeheañe. 3 Nanoiñe amy zao t’i Estere mpanjaka-ampela: Aa naho nanjo
fañisohañe am-pahaoniña’o raho ry mpanjaka, lehe mahafale i mpanjakay, le inao ty
halaliko te hatolotse ahy ty fiaiko; toe ty fiai’ ondatikoo ro hàtako; 4 amy t’ie naletake,
zaho naho ondatikoo, ho mongoreñe, ho zamaneñe vaho hampikoromaheñe; fa naho
naletake ho ondevo-lahy naho ondevo-ampela le ho nitsiñe raho ndra te tsy ho nilefe’ i
rafelahiy havahañe ty ho nimotso amy mpanjakay. 5 Nisaontsy amy zao t’i Akasverose
mpanjaka, nanao ty hoe amy Estere mpanjaka-ampela: Ia v’izao, aia re, te mahavany
izay an-tro’e ao? 6 Le hoe t’i Estere: O rafelahy naho sadiavaheo, ty lo-tsereke Hamane
tia. Nianifañe aolo’ i mpanjakay naho i mpanjaka-ampelay amy zao t’i Hamane.

7 Niongak’ amy fanjotsoañe divaiy am-piforoforoa’e amy zao i mpanjakay, niakatse
mb’an-kiririsa’ i anjombay; fe tambatse eo t’i Hamane nihalaly ty fiai’e amy Estere
mpanjaka-ampela; fa napota’e te hankàñe ty fisafiria’ i mpanjakay. 8 Nibalik’ amy
zao boak’ an-kiririsan’ anjomba ao mb’amy fanjotsoañe divaiy mb’eo i mpanjakay,
ie nibabok’ an-tihi’i Estere eo t’i Hamane. Le hoe i mpanjakay: Aa ho vahora’o
añ’atrefako etoa ka hao añ’ anjomba atoy o mpanjaka-ampelao? Ie nienga i
falie’ey i saontsiy le sinaro’ iareo ty lahara’ i Hamane. 9 Le hoe t’i Harbonà,
raik’ amo mpiatrak’ aolo’ i mpanjakaio, Inao! mitroatse añ’ anjomba’ i Hamane
ey ty fampiradoradoañe limampolo kiho mañambone, rinanji’ i Hamane ho a i
Mordekay nitaron-kasoa i mpanjakaiy. Le hoe i mpanjakay, Aradoradò ama’e. 10 Aa
le naradorado’ iereo amy firadoradoañe nihentseña’e ho a i Mordekaiy t’i Hamane;
vaho nanintsiñe ty haviñera’ i mpanjakay.

# 8

1 Amy andro zay ty nanolora’ i Akasverose mpanjaka amy Estere mpanjaka-ampela
ty anjomba’ i Hamane rafelahi’ o nte-Iehodao. Le niatreke i mpanjakay t’i Mordekay
amy te natoro’ i Estere t’ie inoñe ama’e. 2 Aa le nafaha’ i mpanjakay i bange’e
nafaha’e amy Hamaney naho natolo’e amy Mordekay vaho najado’ i Estere ho
mpifehe’ i anjomba’ i Hamaney t’i Mordekay.

3 Nisaontsy añatrefa’ i mpanjakay indraike t’i Estere, le nibabok’ am-pandia’e
eo naho nihalalia’e an-dranom-pihaino ty hampipoke i fikitroha’ i Hamane nte-
Agagey naho i fikililiañe nanoe’e amo nte-Iehodaoy. 4 Aa le nahiti’ i mpanjakay amy
Estere i kobay volamenay. Le nitroatse t’i Estere nijohañe añatrefa’ i mpanjakay.
5 Le hoe re: Naho no’ i mpanjakay naho nahaoni-pañisohañe ampahaoniña’e naho
mahity añatrefa’ i mpanjakay i rahay vaho soa am-pihaino’e eo raho, le ehe te ho
sokireñe ty hamoterañe o taratasy nisafirie’ i Hamane ana’ i Hamedatà nte-Agageo,
i sinoki’e hamongorañe ze hene nte-Iehoda amo fifeleha’ i mpanjakaio; 6 amy te aia
ty hahafeahako trea ty hankàñe hifetsak’ am’ondatikoo? vaho aia ty hahatantezako
isake ty fandrotsahañe o longokoo. 7 Le hoe t’i Akasverose mpanjaka amy Estere
mpanjaka-ampela naho amy Mordekay nte-Iehoda: Ingo fa natoloko amy Estere

mpanjaka-ampela ty anjomba’ i Hamane, ie fa naradorado amy firadoradoañey, ie
nañity fitàñe amo nte-Iehodao. [8] Aa le sokiro ka ty amo nte-Iehodao, amy ze tea’o
hanoeñe, ami’ty tahina’ i mpanjakay, le voli-tomboho amy bange’ i mpanjakaiy; amy
te tsy mete afotetse ze tsey sinokitse ami’ty tahina’ i mpanjakay naho tinombok’ amy
bange’ey. [9] Kinoik’ amy zao o mpitan-tsoki’ i mpanjakaio, amy volam-paha-teloy,
toe volan-tsakamasay, ty andro faha roapolo-telo’ ambi’e; le ze nandilia’ i Mordekay
ro sinokitse amo nte-Iehodao naho amo sorotào naho amo mpifelekeo naho amo
roandria’ o fifelehañeoo, mifototse an-Karane añe pake Kose añe, fifelehañe zato-
tsi-roapolo-fito’ amby, ho amy ze songa fifelehañe amy fisoki’ey naho ze hene ondaty
amy fisaontsi’ey naho ze nte-Iehoda, ami’ty soki’ iareo naho ami’ty fisaontsi’ iareo;
[10] naho nisokireñe amy tahina’ i Akasverose mpanjakay naho tinombo’ iareo amy
bangem-panjakay naho nampihitrifeñe añamo mpiningi-tsoavalao naho o mpijoñe
an-drameva vaho am-borìke vosi’eo; [11] te natolo’ i mpanjakay amo nte-Iehodao
amo rova iabio ty hifanontoñe, hijadoñe ho ami’ty fiai’e, handrotsake, hanjamañe
naho hamongotse ze haozara’ ondaty ndra fifeheañe miatreatre am’iareo naho
amo keleia’ iareoo naho amo roakemba’ iareoo vaho hampikopaheñe ty hanaña’
iareo ho tambe, [12] ami’ty andro raike, amo fonga fifeleha’ i Akasveroseo, le i
andro faha folo-telo’ ambi’ i volam-paha-folo-ro’ambiy, i volan-kiahiay. [13] Ty dika-
hamba’ i sokitsey le hatolotse ho lily amy ze hene fifelehañe, ho tseizeñe am’ondaty
iabio, hampihentseñañe o nte-Iehodao hamalea’ iareo fate o rafelahi’eo. [14] Aa le
nionjomb’eo an-tsoavalam-panjaka o mpañitrikeo, nitaentaeñe naho nosiheñe ami’ty
nandilia’ i mpanjakay; vaho nitaroñeñe an-drova’ i Sosane ao i liliy.
[15] Aa ie nienga am-piatrefa’ i mpanjakay t’i Mordekay, an-tsarom-panjaka manga
naho foty naho sabaka volamena ra’elahy añ’ambone’e eo, an-tsalotse leny matify
malòmavo; le nirebeke ty an-drova’ i Sosane vaho nifale. [16] Aa naho o nte Iehodao,
fonga hazavañe, hafaleañe, firebehañe, vaho asiñe. [17] Le hafaleañe naho firebehañe
amy ze fifelehañe iaby naho amy ze hene rova nivotraha’ i lilim-panjakay naho i
koi’ey ty amo nte-Iehodao vaho nanao takataka fa andro soa. Maro am’ondati’ i
taneio ty niova ho nte-Iehodà; fa nihotrak’ am’iereo ty fañeveñañe amo nte-Iehodao.

# 9

[1] Ie amy volam-paha-folo-ro’ ambiy, i volan-kiahiay, amy andro fahafolo-telo’
ambiy, ie fa hanoeñe ty lily naho tsei’ i mpanjakay, amy andro nampitaman-
drafelahin-te-Iehoda t’ie hiambotrake—fe nifotetse i rahay, fa nanandily amo nalaiñe
iareoo o nte-Iehodao; [2] le nifandrimboñe amo rova’ iareoo, amo fifeleha’ i Akasverose
mpanjakao iabio o nte-Iehodao, hampipao-pitàñe amy ze nipay hijoy iareo; fe tsy teo
ty nahafitroatse am’iereo; fa nihotrak’ am’ondaty iabio ty fañeveñañe am’iareo. [3] Le
nañolotse o nte-Iehodao ze hene beim-pifelehañeo naho o sorotào naho o mpifelekeo
vaho ze nitoloñe amy mpanjakay iaby; ie fa nidoiñe am’ iereo ty fihembañañe i
Mordekay. [4] Fa ra’elahy añanjomba’ i mpanjakay t’i Mordekay, le fa nanitsike ze
hene fifelehañe ty enge’e; fa nitoabotoabotse erike indaty Mordekay zay. [5] Fonga
linihi’ o nte-Iehodao an-kabokabom-pibara o rafelahi’eo, reke-pizamanañe naho
fandrotsahañe, le nanoe’ iereo ze tea’e amo nalaiñe iareoo. [6] Linafa naho navetra’
o nte-Iehodao an-drova’ i Sosane ao ty lahilahy liman-jato. [7] Le zinama’ iareo t’i
*Parsandatà naho i Dalfone naho i Aspatà [8] naho i Poratà naho i Adalià naho i
Aridatà, [9] naho i Parmastà naho i Arisay naho i Ariday vaho i Vajezatà, [10] ana-
dahi’ folo’ i Hamane ana’ i Hamedatà†, rafelahi’ o nte-Iehodaoy; fe tsy pinaom-pità’

* **9:7** Parsandatà: natolots’an-kalaly; Dalfone: trañon-dakato; Aspatà: lonjetse; hankàñe; Poratà: mamokatse; Adalia: mpitari-drano; Parmastà: bania; Arisay: hoe liona; Ariday: maozatse; Vazejatà: haozara’ i tiokey † **9:10** Hamedatà: mpitrobo lily;

iareo o vara’eo. 11 Nasese amy mpanjakay ty ia’ o linihiñe an-drova’ i Sosane ao
tañ’andro zaio. 12 Le hoe i mpanjakay amy Estere mpanjaka-ampela: Fa nanjevoñe
naho namongotse lahilahy liman-jato an-drova’ i Sosane ao naho i ana-dahi’ i Hamane
folo rey o nte-Iehodao; inoñ’ arè ty nanoe’ iareo amy hene fifeleha’ i mpanjakay ila’e
rey! Aa ndra ino ty halali’o, le hatolotse azo vaho ndra ino ty hàta’o mandikoatse
zao, le hanoeñe. 13 Aa le hoe t’i Estere: Naho no’ i mpanjakay, le atoloro amo nte-
Iehodao e Sosane etoa ty hanoe’ iereo hamaray ka hambañe amy kinoike ami’ty
andro toiy, le haradorado amo firadoradoañeo i ana-dahi’ i Hamane folo rey. 14 Le
linili’i mpanjakay t’ie hanoeñe; naho nikoiheñe e Sosane ao ty tsey; vaho naradorado
i ana-dahi’ i Hamane folo rey. 15 Aa le nifandrimboñe amy andro fahafolo-efats’ ambi’
i volan-kiahiay ka o lahilahy nte-Iehodà e Sosaneo vaho nanjamañe lahilahy telonjato
e Sosane ao, fa tsy pinaom-pità’ iareo i fikopahañey. 16 Le nifandrimboñe ka o nte-
Iehoda ila’e amo fifeleha’ i mpanjakaio naho nijadoñe hañaro-piaiñe naho nahazo
fitofàñe amo rafelahio vaho linihi’ iereo ty fito-ale-tsi-lime-arivo amo mpalaiñe
iareoo—fe tsy nipaohem-pitàñe o fikopakeo— 17 amy andro faha folo-telo’ ambim-
bolan-kiahiay, le nitofa amy andro faha folo-efats’ambiy iereo vaho nanoe’ iareo
andron-tsabadidake naho firebehañe. 18 Fe nifandrimboñe amy andro faha folo-
telo’ambiy o nte-Iehoda e Sosaneo naho amy andro faha folo-efats’ ambiy vaho nitofa
amy andro fahafolo-lim’ambiy, le nanoe’ iereo andron-tsabadidake naho firebehañe.
19 Aa le fanoe’ o nte-Iehodà an-tanàñeo, o mpimoneñe an-drova tsy aman-kijolio, ami’
ty andro faha folo-efats’ambi’ i volan-kiahiay ty andron-kafaleañe naho sabadidake;
andro fanjaka naho andro fifañitrifan-dravoravo.

20 Aa le nisokira’ i Mordekay naho nampañitrife’e taratasy ze hene nte-Iehoda
amo fonga fifeleha’ i Akasverose mpanjakao, ty marine naho ty lavitse, 21 nandily
te hambenañe boa-taoñe ty andro faha folo-efats’ ambi’ i volan-kiahiay naho i andro
fahafolo-lim’ ambi’ey; 22 i andro nahazoa’ o nte-Iehodao fitofàñe amo rafelahi’eoy,
le nafotetse ho volan-kafaleañe ho a iereo i ho nivolam-pandalañey, ty hontoke ho
andro fanjàka; t’ie hanoe’ iareo andron-tsabadidake naho fifaleañe; fifañitrifañe
ravoravo naho fanoloram-palalàñe amo rarakeo. 23 Aa le rinambe’ o nte-Iehodao
ty hanao i niorota’ iareoy naho i nanokira’ i Mordekay am’ iereoy; 24 amy te nikitrok’
amo nte-Iehodao t’i Hamane ana’ i Hamedatà nte-Agage, rafelahi’ ze kila nte-Iehoda,
hamongora’e, ie nampijòm-boam-pane hisikilia’e, hampiantoa’e, hanjamana’e; 25 fe
naho niatrefe’e i mpanjakay, le linili’e an-taratasy te hafotetse ami’ ty añambone’e i
fikitrohan-drati’e amo nte-Iehodaoy vaho naradorado am-piradoradoañe ey, ie naho
i ana-dahi’e rey. 26 Aa le nitokave’ iareo Porime‡ i andro rey ty ami’ty hoe Pore§.
Aa le ze hene entañe an-taratasy toy naho ze nizoe’ iereo ty ama’e vaho ze nioza’
am’ iereo, 27 ty nitroara’ o nte-Iehodao naho rinambe’ iareo ho am-bata’e naho ho
amo tarira’ iareoo naho amy ze hirekets’ am’ iereo, t’ie tsy hapòke fa ho tana’ iareo
i andro roe rey ty amy sinokitse ama’ey, amy andro namantañañey, boa-tao-boa-
taoñe; 28 naho te ho tiahieñe naho ambenañe amo hene tariratseo naho amy ze hene
hasavereñañe naho fifelehañe vaho rova, te tsy hipok’ amo nte-Iehodao i andro
Porime rey naho tsy ho modo an-taminga’ iareo ty fitiahiañe iareo. 29 Le sinoki’ i
Estere mpanjaka-ampela, ana’ i Abihaile naho i Mordekay nte-Iehoda, an-dili-jadoñe
hamenteañe i taratasy faharoe’ i Porimey. 30 Le nampihitrife’e amo hene nte-Iehoda
am-pifeleha’ i Akasverose, zato-tsi-roapolo-fito’ ambio; an-tsaontsim-panintsiñañe
naho to, 31 hañatò i androm-Porime rey añ’andro nifotoañeñe, i tinendre’ i Mordekay
nte-Iehoday naho i Estere mpanjaka-ampelaiy, manahake i nikoiha’ iareo ho am-bata’
iareo naho ho amo tarira’eo ty amy fililirañey naho i fitoreova’ iareoy. 32 Aa le

‡ **9:26** Porime: jòm-pany (maro) § **9:26** Pore: jom-pany (raike)

nampijadoñe o raham-Porimeo ty lili’ i Estere; vaho pinatetse amy bokey.

# 10

1 Nampandoa’ i Akasverose mpanjaka rorotse i taney naho o tokonose an-driakeo.
2 Le ty fitoloñan-kaozara’e naho i hafatrara’ey naho ty talily heneke amy hara’elahi’ i
Mordekaiy, ty nampionjona’ i mpanjakay aze, tsy fa sinokitse amy bokem-pamoliliam-
panjaka’ i Meday naho i Parasey hao? 3 Amy te nifaharoe’ i Akasverose mpanjakay t’i
Mordekay nte-Iehoda, ie nira’elahy amo nte-Iehodao, noron-droahalahi’e maro naho
mpipay hañasoa ondati’eo vaho mpitaron-kanintsiñe amo tarira’eo.

# Iobe

*Fiaolo*

1 Teo t’indaty an-tane Otse añe, Iobe ty tahina’e, ondaty vañoñe naho vantañe,
mpañeveñe aman’ Añahare, mpalain-karatiañe. 2 Nisamake fito lahy re, telo ty
anak’ampela’e. 3 I vara’ey: fito arivo ty mpirai-lia’e naho telo arivo ty rameva’e;
liman-jato ty katraka’e mpitrao-baoñe naho borìke liman-jato vaho nitozantozañe
ty añ’anjomba’e ao. Ie t’indaty ni-lohà’ ze hene nta-tiñanañe. 4 Lili’ i ana-dahi’e
rey ty nanao takataka añ’anjomba’e, sindre ami’ty andro’e vaho nampañitrike naho
nañambara amy rahavave’ iareo telo rey ty hitrao-pikama naho rano ama’e. 5 Aa
ie nimodo ty san-tsabadida’ iareo le nitokave’ Iobe vaho nefera’e. Nañaleñalen-dre
nañenga soroñe ty ami’ty ia’iareo iaby, fa hoe t’Iobe, Ke nandilatse o anakoo vaho
niteratera an’ Andrianañahare an-tro’e ao. Zay ty nilili’ Iobe.

*Fitsohañe Iobe Valoha’e*

6 Nitsatok’ ami’ty andro niheova’ o anak’ Andriananañahareo añatrefa’ Iehovà te
nivotrak’ am’ iereo ka i mpañinjey. 7 Le hoe t’Iehovà amy mpañinjey: Hirik’ aia
v’iheo? Le hoe ty natoi’ i mpañinjey am’ Iehovà, Nimbeo’ mbeo an-tane ey raho,
nijelanjelañe ama’e.

8 Aa hoe t’Iehovà amy mpañinjey: Hinarahara’o hao t’Iobe mpitoroko? Te
tsitantane ty mañirinkiriñe aze; vañon-dre naho ondaty vantañe mpañeveñe aman’
Añahare vaho malain-ty raty.

9 Nanoiñe Iehovà ami’ty hoe i mpañinjey: Aa vaho an-tsi-vente’e hao ty añeveña’
Iobe aman’ Añahare? 10 Tsy Ihe hao ty nañarikatok’ aze am-pahetse, ie naho ty an-
jomba’e naho ze hene ama’e miariseho aze? Nitahie’o ty satam-pità’e vaho manitsike
i taney ty vara’e.

11 Ahitio ty fità’o henaneo, paoho o fanaña’e iabio, le toe ho terateraе’e añatrefan-
dahara’o. 12 Aa hoe t’Iehovà amy mpañinjey, Ingo, fa ambane fehe’o eo o fanaña’e
iabio, fe adono tsy hahiti’o ama’e ty taña’o. Aa le nisitak’ ami’ty fiatrefa’ Iehovà i
mpañinjey.

13 Ie te indraik’ andro, nanao takataka naho ninon-divay añ’ anjomba’ i zoke-lahi’ey
i ana’e rey, 14 le ingo ty nihitrike mb’am’ Iobe mb’eo nanao ty hoe: Nitari-dasary o
katrakao le nihinañe marine eo o borìkeo, 15 le nañotroke mb’eo o nte-Sabeo naho
tinonga’ iereo. Zinama’ iareo am-pibara o mpiarakeo vaho zaho avao ty nahabotitsike
hivolañe ama’o! 16 Ie mbe nitalily, avy ka ty raike nanao ty hoe: Nidoiñe boak’
an-dikerañe ey ty afon’ Añahare namorototo o lia raikeo naho o mpiarakeo vaho
nimongoreñe, zaho avao ty nivoratsake hitalily ama’o.

17 Ie mbe nisaontsy, nimb’eo ka ty raike nanao ty hoe: Nizara ho firimboñañe telo
o nte-Kaldeao, le hinao’ iareo o rameva iabio. Fonga binaibai’ iareo ami’ty meso-lava
o mpiarakeo le zaho avao ty nipoliotse hitaroñ’ ama’o.

18 Ie mbe nisaontsy, le nimb’eo ka ty raike ninday ty hoe: Nikama naho ninon-
divay añ’anjomba’ i zoke-lahi’eo o ana-dahi’o naho anak’ ampela’oo, 19 le ingo niavy
ty tio-bey boak’ am-patrambey añe, nikabokaboke i anjombay ami’ty hotso’e efatse
naho nihotrak’ am’ondaty tora’eo; fonga nihomake. Zaho avao ty nirombake hitalily
ama’o.

20 Niongak’ amy zao t’Iobe nandriatse ty saro’e naho nañaratse ty añambone’e
naho nibabok’ an-tane eo nisoloho, 21 vaho hoe re:

Niboridan-draho te niboak’
an-kovin-dreneko ao,

le hijangeajangeañe ka t'ie
himpoliako ao.
Nanolotse t'IEHOVÀ,
vaho nañombotse t'IEHOVÀ;
bangoeñe ty tahina' IEHOVÀ.
22 Ie amy ze iaby, tsy nandilatse t'Iobe, tsy nanisý raha tsy mañeva aman'
Andrianañahare.

# 2

1 Tendreke indraike te ie nitotsak'eo o anan' Añahareo hiatrek' am' IEHOVÀ, le
nitsatok' am' iareo ao ka i mpañinjey hiatrefa'e am' IEHOVÀ.
2 Le hoe t'IEHOVÀ amy mpañinjey, Boak' aia v'iheo? Le hoe ty natoi' i mpañinjey
am' IEHOVÀ, Boak' ami'ty fihelahelàko an-tane añe naho ty fijelanjelañako ama'e.
3 Le hoe t'IEHOVÀ amy mpañinjey, Fa hinarahara'o hao Iobe mpitorokoy? t'ie
tsy añirinkiriñañe an-tane atoy, fa ondaty vañoñe tsy aman-kila; añeveña'e t'i
Andrianañahare naho ambohoa'e ty raty; vaho mbe tana'e ty havantaña'e ndra te ihe
nañosik' Ahy ama'e, handrotsak' aze tsy aman-tali'e. 4 Le hoe ty natoi' i mpañinjey
am'IEHOVÀ, Holitse hasolo holitse, eka, hatolo' ondaty ze hene fanaña'e ty amy fiai'e.
5 Fe ahitio henaneo o fità'oo naho gineo ty taola'e naho ty nofo'e vaho honjira'e an-
dahara'o. 6 Le hoe t'IEHOVÀ amy mpañinjey, Ingo an-taña'o re; fe arovo ty fiai'e.
7 Aa le nienga boak' añ'atrefa' IEHOVÀ i mpañinjey vaho zinevo'e am-bae-tovoañe
t'Iobe mifotots' an-dela-pandia'e pak'an-dengo' i añambone'ey. 8 Nandrambe tseram-
balàñe re hangaotse ty sandri'e, ie niambesatse an-davenoke ao.
9 Le hoe ty vali'e tama'e: Mbe ifahara'o hao ty havañona'o? Injeo t'i Andri-
anañahare vaho mihomaha.
10 Fa hoe re tama'e, Manao tambaimbain-drakemba deren-drehe. Ty soa avao hao
ty ho rambesentika am-pitàn'Añahare? Tsy hirambesañe ka hao ty raty? Amy ie iaby
zay, tsy nandilatse am-pivimby t'Iobe.
11 Aa naho nahajanjiñe i fonga feh'ohatse nifetsak' ama'ey ty rañe' Iobe telo,
le songa nienga an-toe'e t'i Elifatse* nte-Temane naho i Bildade† nte Sohe vaho
i Tsofare‡ nte Naamate, ie fa nifamotoañe te hiheo mb'ama'e hiferenaiñe vaho
hañohò' aze. 12 Aa ie nampiandram-pihaino eñe le tsy nahafohiñe aze vaho nipoñafe'
iereo ty fangoihoy; songa nandriatse ty saro'e naho nampibobo debok' ambone' ty
añambone'e mb' an-dikerañe ey. 13 Aa le nindre niambesatse ama'e an-tane eo fito
andro naho fito haleñe iereo, sindre tsy nahakofòke volan-draik' ama'e: amy t'ie
nahaoniñe ty halozan-kaorea'e.

# 3

1 Modo zay le nanoka-palie t'Iobe namatse i andro'ey, 2 hoe ty nilañone' Iobe:
3 Ehe te ho mongoreñe
ty andro nahatoly ahiko,
naho ty haleñe nanoeñe ty hoe:
Inao, niareñe lahilahy.
4 Ehe te ho ieñe i andro zay;
lonike te tsy ho vazohon' Añahare
boak' ambone ao,
vaho tsy hipisaña' ty hazavàñe.
5 Ehe t'ie ho tsepahe' ty hamoromoroñañe naho ty talinjon-kavilasy;
lonike te hitozòhan-drahoñe;

* 2:11 Elifatse: Andrianañahare ty haozara'e † 2:11 Bildade: Anam-pifandierañe ‡ 2:11 Tsofare: Tsikisoisoy

ee te hampirevendreveñe aze
ze fonga mahamainten-gero’ i àndroy
6 Le i haleñe zay:
hiambotrahan-kamoromoroñañe,
tsy hitrao-pirebeke
amo andro’ i taoñeio;
tsy hizilik’ ami’ty ia’ o volañeo.
7 Hete! ehe ho beitsiterake i haleñe zay,
tsy himoaham-peon-kafaleañe.
8 Ee te hamatse aze
o mpamoiñ’ androo,
o veka’e hampibarakaoke i fañaneñeio,
9 Ho maieñe abey o vasiañe am-palipalitsieñeo:
angao re hipay hazavàñe fa tsy hahatrea;
ee t’ie tsy ho sambae’ ty holimaso’ i maraiñey;
10 amy te tsy narindri’e i lalan-koviñey,
naho tsy nakafi’e amo masokoo
ty hasotriañe.
11 Ino ty tsy nahasimb’ ahy an-koviñe ao? Akore te tsy namoeako fiay
te niboloañe?
12 Ino ty nandrambesa’ o ongotseo ahiko? naho o fatroa ninonoakoo?
13 Ie ho nihity ampitsiñañe ao;
ho niroro naho nitofa avao,
14 mindre amo mpanjakao
naho o mpisafiri’ ty tane toio,
o mamboatse hakoahañe ho am-bata’eo;
15 naho o ana-donak’
amam-bolamenao,
o mameno akiba am-bolafotio:
16 hera ho nanahake ty tsi-ambolañe naetake,
anak’ ajaja niboloañe
mboe lia’e tsy nahatrea hazavàñe.
17 Ao ty fitroara’ o lo-tserekeo
amo firohandroha’eo;
ao ka ty fitofà’ o màmakeo.
18 Mitraok’ am-pierañerañañe
o mpirohio,
tsy mahajanjiñe ty fiarañanaña’
i mpamorekekey.
19 Ao ty bey naho ty kede:
vaho votsotse amy talè’ey ty ondevo.
20 Ino ty añomezan-kazavàñe ty misotry,
naho ty haveloñe amo mafaitse añ’ova’eo?
21 ze mitama hihomake, fe tsy avy,
ie tsikaraheñe mandikoatse o vara mietakeo;
22 o mandia taroba naho mirebeke
t’ie nahatendreke kiborio?
23 [Ino ty anoloran-kazavàñe]
amy t’indaty nietahan-dalañe,
ie nigoloboñen’Añahare?
24 Misolo ty fihinanako ty fiselekaiñako,
vaho midoañe hoe rano ty fitoreoko.

25 Amy te mifetsak’ amako
o mampangebahebak’ ahikoo,
naho mivovo amako i ihembañakoy,
26 tsy mierañeran-draho, tsy mipendreñe, tsy mitsiñe
fa pok’eo ty hekoheko.

# 4

1 Le hoe ty natoi’ i Elifaze nte-Temane :
2 Hampihivivioke azo hao
ty fimanea’ay rehak’ ama’o?
fa Ia ty maha-lie-batañe tsy hivolañe?
3 Ingo te maro ty nanare’o,
fa nampaozare’o ty fitañe mavozo.
4 Fiatoa’ o mitsikapio o saontsi’oo;
nampifatrare’o o ongotse mikoletrao;
5 F’ie nizò azo henaneo,
ihe ka ty midazidazìtse; nioza ama’o, le minevenevetse;
6 Tsy o havañona’oo hao ty fatokisa’o
vaho fitamà’o ty fahitin-dala’o?
7 Ehe, tiahio hey:
Ia ty nikoromake te nalio-tahiñe?
Aia ty vañoñe naitoeñe?
8 Aa naho o nitreakoo:
hambañe ty tatahe’ ty mpitraba-karatiañe,
naho ty mpitongy kilily.
9 Ie mihomak’ ami’ty kofòn’ Añahare,
mikoromak’ ami’ty
fiforoaham-pifombo’e.
10 Mitromoro ty liona
mireñetse ty liona romotse,
fe poñafeñe o nifem-parasy tora’eo,
11 Mate ty liona-lahi’e te po-tsindroke,
mibarakaike ty anan-diona rene’e,
12 Nasese amako añ’etake ty volañe,
nitsepahen-tsòfiko ty nitangongoe’e.
13 Nitsakoreñe añ’aroñaron-kaleñe,
ie lampon-drotse ondatio,
14 Niazo ty anifan-draho, nirevendreveñe, nampitititititihe’e o taolako iabio.
15 Nihelañe añatrefan-tareheko eo
ty angatse,
niriñariña o volon-tsandrikoo.
16 Nijohan-dre,
fe tsy nirendreko ty vinta’e;
nitroatse aolo’ o masokoo ty vente’e,
nianjiñe, le inao ty fiarañanañañe
nanao ty hoe :
17 Ho to añatrefan’ Añahare hao
t’i raolombelo?
halio te amy Namboatse azey hao ondatio?
18 Heheke ndra o mpitoro’eo tsy atokisa’e,
mbore anisia’e lilatse o anjeli’eo,

19 Àntsake o mpimoneñe an-traño taneo,
O faha’eo an-debok’ ao, ie ho pìneke aolo’ ty fizara!
20 Ie demok’ añivo’ ty manjirik’andro naho ty haleñe;
modo kitro-katroke tsy ihaoñañe.
21 Tsy nombotañe an-tro’e ao
hao o talin-kivoho’eo?
Ie mihomak’ avao, tsy aman-kilala!

# 5

1 Mikoiha arè! ia ty ao t’ie hanoiñe azo!
Ia amo masiñeo ty hitoliha’o?
2 Mañe-doza ami’ty minè ty hasosora’e,
zevoñe’ i famarahia’ey ty derendereñe.
3 Fa nitreako te nivahatse ty dagola,
fe nozoñeko amy zao ty akiba’e.
4 Lavi-pipalirañe o tiri’eo,
demoheñe an-dalambey ey,
vaho tsy eo ty mpandrombake.
5 Kamae’ o salikoeñeo ty nitatahe’e,
tsindrohe’ iereo boak’am-patik’ao;
midañadaña amo vara’eo ty kòboñe
6 Tsy miboak’ an-debok’ ao ty hasotriañe,
naho tsy mitiry an-tane ao ty hankàñe;
7 Fe ampoheke t’indaty te samake
manahake ty fionjona’ ty fipitsin’afo.
8 Zaho ho nipay an’Andriananañahare
vaho i Andrianamboatse
ty nitaroñako o entakoo—
9 amy Mpanao raha mampañeveñe
tsy taka-tsikaraheñey,
raha tsitantane tsivatse.
10 I mampahavy orañe an-tane atoy,
vaho mañirake rano an-teteke ey;
11 Hampitongoà’e ambone o mirèkeo,
le honjonem-b’am-pipalirañe o mandalao.
12 Avorembore’e ty kilili’ o kalitakeo, soa tsy hahapi-draha o taña’eo.
13 Tsepahe’e ami’ty fikitrofa’e
o kanteo,
vaho misaok’ añe ty fikinià’o mengokeo.
14 Ie manjo ieñe te antoandro,
mijimenjimè hoe an-kaleñe
te tsipinde-mena.
15 Fe rombahe’e am-pibara am-bava’iareo, ty rarake am-pità’ o maozatseo.
16 Aa le aman-ko tamae’e o rarakeo,
fe mampikite-bava ty haratiañe.
17 Haha t’indaty endahan’ Añahare;
le ko tsambolitio’o* ty fandilova’ i El-Sadai.
18 Ie mandafa, le bandie’e;
mitrabake, le melañe’ o fità’eo.†

* **5:17** Rzs 3:12, Heb 12:6-8 † **5:18** Iir 32:42, Frv 3:31-32, Hos 6:1

19 Ho haha'e rehe
am-peh'ohatse eneñe;
Eka, im-pito tsy hipaok' azo ty hankàñe.
20 Ho jebañe'e ami'ty havilasy rehe
an-tsan-kerè,
naho ami'ty haozara' i fibaray
an-tsàn'aly.
21 Harovan-drehe ami'ty fifiaham-pameleke, f'ie tsy ho hembañe
te itsatohan-kekoheko.
22 Hiankahafa'o ty hankàñe naho ty kerè,
le tsy hatahora'o ze bibi' ty tane toy.
23 Ie hirai-lia amo vato an-tetekeo
vaho hiharo-rehak' ama'o
o biby an-kivokeo.
24 Ho rendre'o te mierañerañe ty akiba'o,
ho tilihe'o ty golobo'o
le tsy ho motso ze ama'e ao.
25 Ho fohi'o te maro o ana'oo,
ho mira ami'ty hatsifotofoto' o ahetse
an-tane atoio o tarira'oo.
26 Homb'an-kibori'o ao rehe
ami'ty haañon-kaantera'o,
manahake ty fitroara' o toboron'
ampembao an-tsa'e.
27 Heheke! fa nitsikarahe'ay, le ie zay.
Inao! irendreho, ho ami'ty hasoa'o.

# 6

1 Nanoiñe amy zao t'Iobe:
2 Ee te linanja o ha'emberakoo,
vaho natrao-fipoke am-balantsy ao
o ha'ampohekoo!
3 Fa ho nandikoatse ty lanja'
ze kila faseñe an-driak' ao:
Aa le nitsoretoke t'ie nivolañe.
4 Fa amako ao o ana-pale'
i El-Sadaio;
inome' ty troko ty vore'e;
miatreatre ahiko o harevendreveñan'
Añahareo.
5 Mitreñe hao ty borìke ly
t'ie amañ'ahetse,
ke mirohake hao ty añombe
ambone' i hane'ey?
6 Ho kamaeñe tsy aman-tsira hao
t'ie nàmoñe?
mafiry hao ty tapotin'atoly?
7 Ifoneñan-troko ty hitsopeke;
hoe lintseñe t'ie siloke.
8 Ehe te niazoko i halalikoy; te hatolon'Añahare i salalaekoy,
9 ee te ho non' Añahare
ty handemok' ahiko,
te ho hahà'e ty fità'e hañitoa'e ahy!

10 Zao ty ho nañohò ahiko; hahavontititirako tsy aman-tretrè ty fanaintaiñañe;
te tsy niliereko ty nafè' i Masiñey.
11 Aia ty haozarako te hitamà?
Inoñe ty ho figadoñako, t'ie hahaliñe?
12 Haozaram-bato hao ty hafatrarako?
Torisike hao ty sandriko?
13 Hera tsy amako ty fañimbàñe ahiko,
ke nasiotse amako ty famotsorañe?
14 Mañeva ho ferenaiñan-drañe'e
ty mpisotry,
ndra te napo'e ty fañeveñañe
amy El-Sadai.
15 Manao hakalitahan-torahañe
amako o rañekoo,
hoe saka misorotombake
vaho mimosaoñe,
16 ie angonkòña' i ranon-kavandray,
naho am-pietaham-panala.
17 Ie matrovoke le mianjiñe,
ie faosa vaho mimiañe an-toe'e.
18 Miolakolak' am-pañaveloañe iereo,
mb'an-kakoahañe mb'eo vaho mimeatse.
19 Nipaia' o mpivovotse boak' i Temào,
nitamà' o mpitavea' i Sebào.
20 Nilonjetse t'ie nahatoky;
nitangòke te nipok'eo.
21 Toe manahake zay nahareo henaneo;
oni' areo ty hekoheko le miriatsandriñe.
22 Nanao ty hoe vi'raho?
Añendeso, ndra,
Itambezo am-bokàñe
amo vara' areoo
23 Ehe, ampipolitiro am-pitàn-drafelahy,
ke: Jebaño am-pità' o fanalolahio ty fiaiko?
24 Anaro raho, le hitsiñe; atoro ahy ty nandilarako.
25 Toe mahasibeke ty saontsy to !
Fe inoñe ty ho toiñe'
ty fifanoitoi'areo?
26 Ke te o reha'oo ro vente'e
vaho tioke avao ty lañonam-pamoe' piaiñe?
27 Eka, ndra iambotraha' areo
ty bode-rae vaho haletake ty rañetse.
28 Ehe henteo henaneo,
hera mpandañitse añ'atrefa' areo raho.
29 Mibalintoàña, le ko mandilatse;
Eka mifosera, fa vantañe o ahikoo.
30 Manan-tahy hao ty lelako?
Tsy apota' ty lañilañiko hao ty hankàñe?

# 7

1 Tsy lily hao ty fitromaha' ondaty
an-tane atoy?

Tsy mira ami’ty androm-pièke hao
o andro’eo?
2 Manahake ty filelalela’ ondevo ty aloke naho ty fitamam-pièke ty rima’e,
3 ty anolorañ’ ahy volan-kafoake,
ie nitendreñe halen-kaemberañe.
4 Zaho mandre, manao ty hoe:
Ombia ty hitroarako, fa lava i haleñey,
le mivoamboañe avao
ampara’ te manjirike.
5 Misikiñ’oletse naho pakoram-potake
ty sandriko,
mijiri-gañe ty holiko vaho mandrano.
6 Masika te amy sozom-panenoñey
o androkoo,
ie mihelañe añe po-pitamàñe.
7 Ehe tiahio te kofòke avao ty haveloko:
toe tsy hahatrea hasoa ka o masokoo.
8 Tsy ho onim-pihaino’ i mahaisak’ ahikoy: amako o fihaino’oo fe tsy eo raho.
9 Ie misaoke ty rahoñe, le añe:
zay ty igodaña’ ty an-kibory ao,
tsy hiboaha’e ka.
10 Tsy himpolia’e i anjomba’ey,
ie tsy hapota’ i akiba’ey.
11 Aa le tsy hijomohòn-draho;
hivolañe ami’ty falorean-troko,
hitoreo ami’ty hafairañe añ’ovako ao.
12 I riakey hao raho, ke i fañaneñey
kanao nampijilovañe?
13 Ie anoeko ty hoe
te ho hohòe’ i tihikoy,
te hampanintsiñe ty toreoko
i fandreakoy,
14 le ampihembaña’o ami’ty nofy naho ampirevendreveña’o añ’aroñaroñe,
15 le joboñe’ ty fiaiko t’ie dageañeñe,
hamake hikenkañe ty amo taolakoo,
16 f’ie minike, tsy ho veloñe nainai’e:
apoho, fa kafoak’ avao o androkoo.
17 Inoñ’ ondatio te honjone’o?
te hapite’o ama’e ty arofo’o?
18 T’ie tilihe’o boak’andro,
vaho tsohe’o lomoñandro?
19 Ombia t’ie hitolike tsy hisamb’ahy,
apoho ho bangìñe hey raho
hahateleñako ty iveko?
20 Nanao hakeo hao raho,
ino o nanoekoo, ry Mpijilo ondatio?
ino ty nanoe’o ahy fanolarañe,
hañavesatse ty sandriko?
21 Akore te tsy apo’o o tahikoo,
te tsy haha’o o hakeokoo?
f’ie hiroro an-debok’ ao te aniany;

ho paia'o, fa tsy ho eo.

# 8

1 Nanoiñe amy zao t'i Bildade nte-Sohy:
2 Pak'ombia te ho saontsie'o o raha zao?
Ampara ombia te ho tio-bey avao
o entam-palie'oo?
3 Mengohen' Añahare hao ty zaka?
Ampiolahe' i El-Sadai
hao ty hatò?
4 Ie nandilats' azo o ana'oo,
le nasese'e ami'ty haozara'
o fiodia'eo.
5 Aa naho nitsoehe'o t'i Andrianañahare vaho ty fiferenaiña' i El-Sadai,
6 naho malio naho vantan-drehe,
le hivañona'e
hampipoly i akiban-kavantaña'oy.
7 Le ndra te nikede ty fifotora'o,
hitombo ho ra'elahy ty figadoña'o.
8 Ehe añontaneo i sà' taoloy vaho imaneo
o nitsikarahen-droae'eo,
9 Bahimo tika fa toly omale avao,
mbore talinjo ambone' ty tane toy o andron-tikañeo.
10 Aa vaho tsy ho toroa' iareo hao, hisaontsy ama'o, hañakatse entañe
boak' añ'arofo' iareo ao?
11 Mahafitiry hao ty vinda
lehe tsy an-tane hinake?
Hitiry tsy aman-drano hao ty vondro?
12 Ie maindoñe, tsy nibiraeñe,
le mbe miheatse aolo' ze hene rongoñe.
13 Zay ty lala' o mañaliño
an' Andrianañahareo;
toe modo fitamàñe ty tsy aman-Kake.
14 Ie maràntsañe ty fiatoa'e;
naho fararotse ty fatokisa'e.
15 Hiatoa'e ty anjomba'e
fe tsy hahafijadoñe;
vontitire'e fe tsy leo'e.
16 Maindoñindoñe re añatrefa' i àndroy andrevaha' o tsampa'eo i golobo'ey,
17 vandindire' o vaha'eo ty votrim-bato, i traño-vatoo nitsifira' iareoy.
18 Ie ombotañe amy toe'ey, le ho lañe'e, ami'ty hoe,
Mbe lia tsy nahatrea azo raho.
19 Eka, zay ty haeha' i lia'ey,
mbe hitiry amo debokeo ka ty ila'e.
20 Oniño te tsy ho farien' Añahare ty vañoñe vaho tsy ho tohaña'e
o lo-tserekeo.
21 Mbe ho lifore'e fiankahafañe ty falie'o naho o fivimbi'oo am-pazake.
22 Ho saroñen-kasalarañe
ze malaiñe azo,
ho modo ty kivoho' o tsivokatseo.

# 9

1 Aa hoe ty natoi’ Iobe :
2 Toe apotako ty hatò izay: fe aia te ho to añatrefan’ Añahare ondatio?
3 Naho teo ty nipay hifandietse ama’e,
tsy ho toiñe’e indraik’ ami’ty arivo.
4 Mahihitse añ’Arofo,
fatratse an-kaozarañe,
ia ty nanjehatse ama’e tsy aman-joy?
5 Aveve’e o vohitseo, tsy apota’ iareo
te avali-hoho’e an-kaviñerañe.
6 Akofikofi’e tsy an-toe’e ty tane toy, le mitroetroe o faha’eo;
7 Lilie’e tsy hanjirike i àndroy,
agobo’e o vasiañeo;
8 Ie avao ty namelatse o likerañeo,
naho mandialia o onjan-driakeo;
9 Ie ty nañoreñe i Arktorose
naho i Telo-milahatsey,
i Bode naho i Koto-kede atimoy.
10 Ie i manao halatsàñe tsy onim-biribiriy,
raha tsitantane tsy taka-voliliy.
11 Ie miary amako, tsy ho treako:
Naho ihelaña’e tsy ho rendreko.
12 Ie mandrirotse, ia ty hisebañe.
Hanoa’ ia ty hoe, Ino o anoe’oo?
13 Tsy hampolin’ Añahare ty haviñera’e;
mitsolofiñe ama’e ka
o mpañimba’ i Rahabeo.*
14 Akore arè ty hahatoiñako aze,
ty hijoboñe o volañe hitaroñakoo;
15 Ndra te to i ahikoy, tsy ho nahatoiñe; ho nihalalieko tretre
i Mpizakakoy.
16 Naho nikanjy raho vaho nanoiñe ahiko re, tsy ho niantofako te nihaoñe’e ty feoko.
17 Vinonotrobo’e an-tio-bey raho,
indrae’e tsy amam-poto’e o ferekoo.
18 Tsy hapo’e hikofòke raho,
te mone atsafe’e afero;
19 Ty amo haozarañeo,
Inao! Ie ty Maozatse!
Le ty hatò :
Ia ty hifamotoañe ama’e?
20 Naho naniom-batan-draho,
ho nanisý ahy ty vavako;
ndra t’ie tsy an-kila,
ho tsarae’e te mengoke.
21 Malio tahin-draho, tsy haoñe’ ty troko,
ho farieko ty fiaiko;
22 Toe raike iaby avao: aa hoe raho:
Songa rotsahe’e ty mahity
naho ty lo-tsereke.

---

* **9:13** Rahabe: i Ndrimon-driakey, i Mitsraime

23 Naho manjamañe aniany ty angorosy,
le kizahe’e ty famoeañ’ay o vañoñeo.
24 Ie atolots’an-taña’ o lo-tserekeo
ty tane,
le takone’e ty lahara’ o mpizakao;
aa naho tsy ie, le ia ka?
25 Masìka te amo mpanao tsikiaviavio o androkoo,
mihelañe tsy ahaisahan-kasoa.
26 Mitsiritsioke hoe lakam-bezo†,
hoe tsimalaho mañao-tsindroke.
27 Aa naho nanao ty hoe raho,
handikofako i halalikoy,
hapoko ty tareheko lonjetse toy,
vaho hisomilake;
28 Ihembañako o fanaintaiñakoo,
apotako t’ie tsy ho haha’o;
29 Aa kanao atao lo-tsereke raho;
ino ty ifanehafako tsy vente’e?
30 Naho miandro an-dranom-panala,
naho kotriñeko an-tsokay o tañakoo;
31 Mbe hagodo’o an-davak’ ao,
vaho halaim-bintañe ahy o sikikoo.
32 Toe tsy ondaty manahak’ ahy re
hahatoiñako,
t’ie hifañatrek’ an-jaka.
33 Tsy amam-pañalañalañe ty añivo’ay ao,
ze mete ho nanazok’ anay roroe.
34 Ehe te hasita’e amako i kobai’ey,
vaho tsy hampangebahebak’ ahy
i fañeveñañe ama’ey;
35 Le ho nivolan-draho,
vaho tsy ho nianifañe ama’e;
fa toe tsy zay ty an-troko ao.

# 10

1 Hejeko ty haveloko;
hampidadaeko ty fitoreoko
hivolañe ami’ty hafairan-troko.
2 Hoe ty ataoko aman’Añahare,
Ko ozoñe’o;
ampahafohino ahiko ty lie’o amako.
3 Mahasoa azo hao te ihe mamorekeke,
te mavoe’o ty satam-pità’o
vaho ampiloeloea’o ty fikinià’
o lo-tserekeo?
4 Amam-pihaino nofotse v’iheo?
Mahavazoho manahake ty fañentea’ ondatio hao?
5 Hambañe ami’ty andro’ o olombeloñeo hao o andro’oo,
mira ami’ty tao’ ondatio hao o tao’oo,
6 t’ie tsoehe’o o tahikoo,

† **9:26** Heb: lakañe nirareañe vinda

vaho kodebe’o o hakeokoo,
7 ndra t’ie arofoana’o te
tsy tsereheñe,
tsy eo ty haharombake am-pità’o.
8 Nitsenèm-pità’o raho,
nifonire’o ho raike;
aa vaho ho rotsahe’o?
9 Tiahio te lietse ty nitsenea’o ahy;
hampoli’o ho deboke hao?
10 Tsy nadoa’o hoe ronono hao raho
vaho nampamoae’o hoe habobo?
11 Nanikina’o holitse naho nofotse,
namahera’o an-taolañe
naho talin’ozatse.
12 Tinolo’o havelo an-koko migahiñe,
vaho nampitambeloñe ty troko
ty fiatraha’o.
13 Fe naeta’o añ’arofo’o ao o raha zao;
apotako t’ie ama’o:
14 Ie mandilatse raho, tendre’o,
vaho tsy apo’o i hakeokoy.
15 Ie manao hakeo: hankàñe amako!
Ie mahity, tsy vaniko ty miandra,
amy te lifo-kasalarañe,
tsapako o hasotriakoo.
16 Aa naho niandrandra:
Le hoe liona ty hangoroña’o ahy;
vaho havale’o ahy an-kalatsàñe.
17 Vaoe’o amako o mpanisý ahikoo,
vaho indrae’o amako ty haviñera’o;
hasosorañe mitovon-kaemberañe
ty amako.
18 Ino ty nañakara’o ahy an-koviñe ao?
Nainako te ho nisimba
tsy ho niisam-pihaino,
19 Hàmake t’ie hoe tsy nitoly,
fa boak’an-koviñe mb’an-kibory
20 Tsy ho napo’e hao o androko
tsy ampeampeo?
Misitaha hey rehe,
hahatreavako fañanintsin-kedeke,
21 aolo’ te hiampaneñako;
mb’amy tsy hahafibaliham-beoy,
mb’an-tane mimoromoroñe,
mb’an-talinjon-kavilasy ao;
22 Tane migobogoboñ’ ieñe,
toe fimoromoroñañe,
an-tane an-kalon-kavilasy,
tsy mipendreñe,
miloeloe hoe ieñe.

# 11

1 Le hoe ty natoi’ i Tsofare

nte Naamate:
2 Hapoke tsy ho valeañe hao
i entan-tsy fotofoto rezay,
hahazo to hao ondaty lifo-dañonañeo?
3 Hampijomohòn-ty lahilahy hao
ty fangaradadaha’o,
tsy hendaha’ ondaty hao
t’ie manivetive?
4 ami’ty nanoa’o ty hoe:
Ki’e o fañòhakoo,
naho malio-tahin-draho
am-pivazohoa’o.
5 Aa ehe te hitsara t’i Andrianañahare,
naho hanokake fivimby ama’o,
6 hitaroña’e hihitse miheotse! Toe aman’ ila roe ty hilala to.
Aa le mahafohina te apon’ Añahare
ty ila’ o hakeo’oo.
7 Mahafitsikarake o raha miheotse aman’ Añahareo v’iheo?
Mahafañitsokitsoke o efe’ efe’
i El-Sadai hao?
8 Sikal’ an-dindìñe eñe iereo?
—ino ty ho mete’o?
laleke ta i Tsikeokeokey
—ino ty ho fohi’o?
9 Lava te ami’ty tane toy ty andava’e,
mihenehene te amy riakey.
10 Ke miary re, ke mampigabeñe,
he manontoñe, ia ty hanebañe aze?
11 Toe arofoana’e ty votro;
naho vazoho’e ty hakeo,
ndra t’ie tsy mandohy.
12 Kanao hahilala ty dagola,
le mahaterak’ ondaty ty borìke-ly.
13 Avantaño arè ty arofo’o,
vaho avelaro ama’e o fità’oo,
14 apoho añe ze hakeo am-pità’o;
ko ado’o hitobok’ añ’akiba’o ao ty tahiñe,
15 Ie amy zao, hampiandrae’o laharañe tsy aman-kila;
hijohan-drehe tsy an-kahembañañe.
16 Ho haliño’o ty fisotria’o;
ho tiahi’o hoe rano fa nisaok’ añe.
17 Le hazava te amy tsipinde-menay
ty havelo’o;
naho manahake ty maraindray i haìe’ey.
18 Le hahatoky rehe kanao am-pitamàñe;
mijilojilova añ’ariari’o,
le màndrea an-kanintsiñe.
19 Ho nihity tsy an-kahembañañe
vaho maro ty hipay imba ama’o.
20 Fe ho tofake ty maso’ o lo-tserekeo;
le tsy aia ty hivoratsaha’e,
vaho ty fipetro’e avao ty hisalala’e.

# 12

1 Nanoiñe ami'ty hoe t'Iobe:
2 Toe inahareo avao ro ondaty,
vaho hitrao-pihomak'
ama' areo ty hihitse.
3 Fa toe mahilala ka raho,
tsy inahareo avao;
Tsy zai' areo raho.
Ia ty tsy mahafohiñe o raha rezao?
4 Fiankahafa' o rañekoo raho:
Kanjie'e t'i Andrianañahare,
vaho toiñe'e,
Fitohafañe i vañoñe tsy aman-kilay.
5 Tsambolitio' ty miagaregañe ty failo,
ie nihentseñañe ho a
o mipolititse am-pandiao.
6 Mierañerañe ty kiboho-malaso,
le tsi-añoleñañe ty manigìk' an'Andrianañahare,
o mitintiñe ty ndrahare'e am-pità'eo.
7 Fe añontaneo o bibio,
hampandrendreha' iareo;
naho o voro-mitiliñeo,
hitalilia' iareo;
8 ke misaontsia ami'ty tane toy,
hañòha'e azo,
apoho hitaroña' o fian-driakeo.
9 Ia amy rezay ro tsy mahafohiñe t'ie
nanoem-pità' IEHOVÀ?
10 Kila am-pità'e ao ty fiai' ze veloñe,
naho ty kofò' ze hene ondaty.
11 Tsy mpitsò-bolañe hao ty ravembia, manahake ty fitsopehan-dañilañy
ty mahakama?
12 Amo antetseo hao ty hihitse,
amo lava' androo hao ty hilala?
13 Aman'Añahare o hihitse naho haozarañeo; ama'e o fanoroañe naho hilalao.
14 Heheke, mandrotsake re,
le tsy hamboareñe ka;
agabe'e ao t'indaty,
vaho tsy ho hahañe ka.
15 Hehe te kalaña'e o ranoo, le maike;
irahe'e ka iereo, le añinahinà'e ty tane.
16 Ama'e ty hafatrarañe naho ty hilala;
aze ty finitake naho ty mpamitake
17 Ampañaveloa'e tsy aman-kana
o mpanoroo,
vaho ampigege'e o mpizakao.
18 Abala'e ty kitambem-panjaka
vaho diaña'e sokotry ty vania'e.
19 Asese'e tsy aman-kana o mpisoroñeo naho gorè'e ty fanalolahy.
20 Ampitsiñe'e ty lañona' o matoeo, naho afaha'e ty hilala'o antetseo.
21 Ampidoaña'e inje o ana-donakeo naho abala'e ty sadia' o maozatseo.

22 Ventabentare’e o raha mietak’ añ’ieñeo, aboa’e an-kazavàñe o talinjon-kavilasio.
23 Onjone’e o fifeheañeo naho rotsahe’e; atratrañahe’e o fifelehañeo
vaho asese’e an-drohy añe.
24 Ampimotsoe’e arofo
o mpiaolo’ ty tane toio,
vaho ampirerererè’e an-dratraratra
tsy aman-dalañe añe.
25 Ie mijimejime añ’ ieñe ao
tsy an-kazavàñe;
midaleandaleañe hoe jike.

## 13

1 Inao! fa nitreako iaby zao,
tsinano’ ty sofiko vaho maharendreke.
2 Ze fohi’areo, apotako ka;
Zaho tsy zai’ areo.
3 Fe te hivolañe amy El-Sadai raho,
te hifanointoiñe aman’ Añahare.
4 Mpanosoke vande nahareo,
songa mpanaha tsy manjofake.
5 Ehe t’ie vata’e nianjiñe,
le ho natao hihitse!
6 Ehe janjiño ty havereko,
vaho janjiño ty fanoroan-tsoñiko
7 Hisaontsy hamengohañ’ aman’Añahare hao,
hilañona’areo famañahiañe?
8 Handombok’ aze v’inahareoo?
h’ondati-aivo, mpihalaly ho an’Andrianañahare hao?
9 Hahasoa anahareo hao te itsikaraha’e?
Hamañahy Aze hao nahareo
manahake ty famañahiañe ondaty?
10 Ie ho trevohe’e
te mirihy añ’etake.
11 Tsy hampangebahebak’ anahareo hao ty enge’e?
naho hivotrak’ ama’ areo ty fañeveñañe.
12 Oha-drehan-davenoke
ty onin-taro’ areo,
fiaron-dietse ty fikala’ areo.
13 Mianjiña, apoho raho hivolañe
le adono ho amako ty toly.
14 Ino ty andrambesako?
ami’ty nifeko ty nofoko,
vaho apoko an-tañako ty fiaiko.
15 Ndra te havetra’e, ie ty fatokisako
fe hiverok’ añ’atrefa’e raho
ty amo satakoo,
16 Vaho zao ty ho fandrombahañe ahy:
te tsy hiatrek’aze ty tsy aman-Kake
17 Tsendreño o entakoo,
naho ty lañonako an-dravembia’ areo.
18 Ingo, fa nalahako i tarokoy,

apotako te hahazo to.
19 Ia ty hifanjomotse amako?
le ho nitsiñe amy zao raho
vaho nikenkañe.
20 Ehe ty raha roe avao
ty tsy hanoa'o ahy,
le tsy hietahako o lahara'oo.
21 Ahankaño amako ty fità'o,
le ehe tsy hampianifañe ahy
ty fañeveñako ama'o
22 Ie amy zao koiho, le hanoiñe raho,
ke angao hivolan-draho vaho toiño.
23 Fire o fandilarako naho hakeokoo?
Ampahafohino ahy ty fiolako
naho o tahikoo,
24 Akore te añetaha'o laharañe,
vaho manao ahy ho rafelahi'o?
25 Hampitititihe'o hao ty ravets-atae
asiotsion-tioke,
ho heañe'o hao ty kafo maike?
26 Fa anokira'o raha mafaitse raho,
vaho ampandova'o ahy
o hakeoko te niajalahy.
27 Añombea'o longòke o tombokoo,
naho efera'o ty ho nilian-tombokoo.
28 ie mihamomoke hoe raha lo raho,
hoe saroñe nihanem-bararaoke.

## 14

1 Ondaty nasaman' ampelao,
tsy lava-ohatse vaho lifo-kasotriañe,
2 hoe voñen-katae ty fionjona'e
le miheatse, mihelañe hoe talinjo
fa tsy mitoetse.
3 Harefa'o vaho hasese'o an-jaka ama'o ao?
4 Ia ty mahaakatse ty malio
ami'ty maleotse? Leo raike.
5 Kanao fa nalahatse o andro'eo,
fa ama'o ty ia' o vola'eo vaho fa najado'o
o efetse tsy handilara'eo,
6 ampitoliho añe ty fijilova'o, hitofa'e,
ampara' te henefe'e o andro'eo,
manahake ty mpièke
7 Manan-ko tamae'e ty hatae,
ie firaeñe ro mbe mitiry avao,
vaho tsy milesa o tora'eo.
8 Ndra te mihaantetse an-tane ao
o vaha'eo,
naho mate an-debok' ao i foto'ey,
9 fa ie mañantson-drano ro hibotiboty
vaho handrevake hoe ana-katae.
10 Fe mihomake t'i Raolombelo

vaho mitsalalampatse;
mipetroke t’indaty, le aia?
11 Hambañe ami’ty fisiha’ o sihanakeo
naho ty fimaiha’ o sakao
ampara’ te kapaike,
12 ty fandrea’ ondaty tsy hitroatse,
tsy hivañone ampara’ te
mihelañe o likerañeo,
vaho tsy ho barakaofeñe amy firota’ey.
13 Ehe t’ie haeta’o an-tsikeokeok’ao,
le hakafi’o ampara’ te mimpoly ty
haviñera’o, vaho hampitsatoha’o
andro hahatiahia’o ahy!
14 Ie vilasy ondatio, mbe ho veloñe hao?
Fe ho liñisako amo hene androm-pitoroñakoo ampara’ te tondroke ty fañovàñe ahiko.
15 Hikanjy rehe le hanoiñe raho;
ho maniña’o ty satam-pità’o.
16 Fe henaneo, tinoñe’o o liakoo,
ie mbe tsy vazoho’o ty fandilarako;
17 rinohy an-karoñe ao o tahikoo,
vaho lombofa’o o hakeokoo.
18 Mivoravora i vohitse mihotrakey,
naho misitse an-toe’e ty vato;
19 mivañen-drano o vongam-batoo;
saohe’ o rano-vohitseo ty mena’ i taney;
zay ty androtsaha’o
ty fitama’ ondatio.
20 Iambotraha’o nainai’e, le mihelañe añe;
ovae’o ty tarehe’e vaho irahe’o mb’eo.
21 Asiñeñe o ana’eo, fa tsy apota’e; mifotsake, fa tsy fohi’e.
22 O marare amy nofo’eio avao ro tsapa’e,
ty tro’e avao ro iroveta’e.

## 15

1 Le hoe ty natoi’ i Elifatse
nte-Temane:
2 Hanoiñe an-kilala-kafoake hao
t’indaty mahihitse,
ho lifora’e tiok’atiñanañe hao ty fisafoa’e?
3 Hisafiry an-drehake tsy vente’e hao,
ndra an-dañonañe tsy hahasoa?
4 Eka, apo’o ty fañeveñañe,
sebaña’o ty fiambaneañe aman’ Añahare.
5 Anare’ o hakeo’oo ty falie’o,
joboñe’o ty famelen-kalitake.
6 Mamatse azo o falie’oo, fa tsy zaho;
eka talilie’ o fivimbi’oo.
7 Ihe hao t’indaty nisamaheñe valoha’e?
Nitoly aolo’ o vohitseo v’iheo?
8 Janji’o hao o safirin’ Añahare
miheotseo?

Haramamoe'o hao ty hihitse?
9 Ino ty fohi'o tsy fohi'ay?
Ino ty rendre'o tsy ama'ay?
10 Songa ama'ay ty maròy foty
naho ty androanavy bey taoñe
te aman-drae'o.
11 Maivañe ama'o hao ty fañohòan' Añahare,
naho o navere'e mora ama'oo?
12 Ino ty mampihelañe ty arofo'o?
vaho mampandofiry o fihaino'oo?
13 T'ie tsambolitioe'o aman'Añahare
ty arofo'o,
ie anga'o hiakatse am-palie'o
i saontsy zay.
14 Ino t'indaty, t'ie halio?
I nasaman'ampelay, t'ie ho vañoñe?
15 Ingo, ndra o masi'eo tsy iatoa'e
mbore tsy malio am-pivazohoa'e
o likerañeo.
16 Àntsake ty lo-tsereke naho ty maleotse,
ie mpitohoke tahiñe hoe rano!
17 Hatalililiko azo, janjiño;
vaho ho taroñeko o nitreakoo—
18 O saontsi' ondaty mahihitseo,
ty tsy naeta'e boak' aman droae' iareo;
19 Ie am' iereo avao
ty nitolorañe i taney,
ndra ty renetane tsy nihelañe
am'iereo ao.
20 Ampikoretohe'
ty farare'e lomoñandro
ty lo-tsereke,
voaiake o taoñe nahaja
ho a' o mpisenge-herio.
21 Feo mañebake
ty an-dravembia'e ao;
ie manintsin-dre,
te ivotraha' ty malaso.
22 Tsy iantofa'e
te hibalike boak'amy ieñey,
toli'e i fibaray.
23 Mirerere mipay hanen-dre ami'ty hoe; Aia zay? Apota'e te am-pità'e
i andro mimoromoroñey.
24 Ampangebahebahe'
ty haloviloviañe naho hasotriañe,
miambotrak' ama'e hoe mpanjaka
veka'e hihotakotake.
25 Amy te natora-kitsi'e aman'Añahare ty fità'e,
mitoandratoandra amy El-Sadai.
26 Horidaña'e ami'ty hagàn-kàto'e,
amy hateven' angozim-pikalan-defo'e.
27 Amy te kinope'e solike i tarehe'ey,

vaho pinako’e havondrahañe ty leme’e;
28 Itoboha’e o rova mangoakoakeo, añ’anjomba tsy fimoneñañe,
ie veka’e ho votre.
29 Tsy ho mpañaleale re,
tsy ho nainai’e ty fijangaña’e,
tsy midrodretse mb’an-tane o ampemba’eo.
30 Tsy hibolitira’e i ieñey;
haforejeje’ i lelan’ afoy o tora’eo,
vaho hampihelaña’ ty kofòm-palie’e.
31 Ee te tsy hiatoa’e ty hakoahañe,
hamañahia’e vatañe;
fa hanambezañe aze ty tsy vente’e.
32 Ho henek’ aolo’ ty andro’e zay,
vaho tsy handrevake ty tsampa’e.
33 Hahifi’e i valobo’e mantay
manahak’ i vahey,
vaho hahintsa’e i voñe’ey
hambañ’ amo oliveo.
34 Fa hangoakoake ty fivavea’
ty tsy aman-Kake,
vaho ho forototoe’ ty afo
ty kijà’ o mpanao vokàñeo.
35 Ie mampiareñe hakalitahañe,
naho mampiboloañe hakeo,
vaho famañahiañe
ty ihentseñan-tro’e.

## 16

1 Le hoe ty natoi’ Iobe:
2 Fa maro ty entañe tsinanoko hoe zay,
songa mpañohò mahamonjetse.
3 Tsy higadom-bao o reha-kafoakeo?
ke inoñe ty manigik’azo hanoiñe?
4 Mete ho nivolambolañe manahake
anahareo raho,
naho nifandimbe toetse o tron-tikañeo,
mete ho nanoitoim-bolañe ama’ areo,
vaho nikofikofihako loha.
5 Ho nampahaozare’
ty vavako nahareo,
vaho nampanintsiña’
ty fihetsen-tsoñiko.
6 Fe ndra te mivolan-draho,
tsy mikepake ty hasotriako,
hahamaivañ’ ahy hao te mifoneñe.
7 Fe nimokore’e raho henaneo,
fa nahabangý o mpiamako iabio rehe,
8 Nampiforejeje ahiko rehe, valolombelo amako izay;
Mionjoñe amako ato ty faifoifoko,
ie oniñe an-tareheko.
9 Nirimita’ ty haviñera’e, mitan-kabò amako, nialia’e vazañe; nabohiri’ i Rafelahikoy
amako o fihaino’eo.

10 Nampibolobea-palie amako,
tinakapi' iareo amañ'inje ty fifiko,
le nihimpok' amako.
11 Toe nasesen'Añahare
amo raty tserekeo raho,
mbore navokovoko'e am-pità'
o tsy vokatseo.
12 Nierañeran-draho,
fe nampivaletrahe'e.
Ginore'e am-bozoko vaho hinotohoto'e,
mbore najado'e ho fanolarañe.
13 Miarikoboñe ahy o mpitàm-pale'eo, tseratserahe'e, abenta'e tsy aman-tretre
o tsapa-voakoo,
vaho adoandoa'e
an-tane eo o aferokoo.
14 Boroboñake atovom-boroboñake
ty niboroboñaha'e ahy;
hoe fanalohaly t'ie mañoridañe.
15 Nitrebehako gony ty holiko,
vaho napoko an-deboke ao ty tsifako.
16 Nampandofiry
ty tareheko o tañikoo,
an-koli-masoko eo
ty talinjon-kavilasy;
17 ndra te tsy aman-tsenge hery
o tañakoo,
mbore malio o halalikoo.
18 O ry tane; ko lembefa'o ty lioko,
le ko mea'o fitofàñe o toreokoo.
19 Ie amy zao hehe te an-dikerañe ao
i valolombelokoy, ambone ao i Mpañalañalakoy.
20 Mikizak'ahy o rañekoo,
i Andrianañahare
ty fitsopaha' o masokoo.
21 Ehe t'ie nimpañalañalañe añivo' ondatio naho i Andrianañahare,
manahake ty ana'ondaty aman-drañe'e.
22 Aa ie añe ty taoñe tsy ampeampe,
le hionjomb'an-dalañe
tsy impolian-draho.

# 17

1 Fa demoke ty troko,
le modo o androkoo; vaho veka'e amako ty kibory.
2 Toe amako atoa o mañinje ahikoo;
naho harefe' o masokoo
ty fanigiha' iareo?
3 Toloro antoke henaneo, Ihe ro tsoake, ia ka ty hifampipao-pitàñe amako?
4 Fa nakite'o ty tro' iareo tsy hahilala,
aa le tsy honjone'o.
5 Ie mifosa rañetse hahazoa'e raha,
le hilesa ka o mason' ana'eo.
6 Fe nanoa'e mpitolom-bola' ondaty;

firorà’ o lahilahio ty tareheko.
7 Nampaieñe ty fioremeñako o masokoo,
hoe talinjo avao o fangefangekoo.
8 Ilatsa’ ondaty vantañeo, hitrobo-vatañe ty vaño
hatreatre’e ty tsy aman-kake.
9 Mitan-ty lala’e ty marentane,
naho mihaozatse vaho mihafatratse
ty malio fitàñe.
10 Aa inahareo iaby,
mibaliha mb’etoa indraike,
f’ie tsy hahatrea ondaty mahilala ama’ areo.
11 Fa modo o androkoo,
nipeñapeñake o safirikoo;
naho o fisalalan-trokoo!
12 Afote’ iereo ho andro ty haleñe
[ami’ty hoe]:
Mitotoke añatrefa’ i ieñey ty hazavàñe,
13 Ie andiñisako ho akibako
ty tsikeokeoke, naho añ’ieñe ao
ty andafihako i tihikoy,
14 Aa naho tokaveko i koboñey, [ty hoe:] Raeko rehe, naho i oletsey:
Ihe ty Reneko naho rahavaveko;
15 Aia arè o fitamakoo?
I fisalalàkoy, ia ty mahaisak’ aze?
16 Hilenteke mb’an-tsikeokeoke ao hao re?
hitrao-pitofàñe an-debok’ ao hao zahay.

# 18

1 Aa le hoe ty natoi’
i Bildade nte-Sohy :
2 Pak’ ombia vaho hagado’o o volañeo? Mañarahарà heike, le hirehake zahay.
3 Aa vaho akore t’ie atao biby?
te kàboke am-pihaino’o eo?
4 Ihe mandrimi-batañe ami’ty hasosora’o,
haforintseñe ty ama’o hao ty tane toy?
ke havik’ amy toe’ey ty vato?
5 Eka, hakipeke ty jiro’ o tsereheñeo, vaho tsy haviake ty fibela’ i afo’ey.
6 Haieñe ty hazavàñe an-kivoho’e ao, vaho hakipeke ty jiro’e ambone’e eo.
7 Ho tomoreñe ty lian-kaozara’e
naho hamotsak’ aze o kilili’eo.
8 O fandia’eo ty hampijòñ’ aze
an-karato ao, minday aze
mb’an-tsikarakara mb’eo o lià’eo.
9 Tsepahe’ ty fandrim-bikoviko ty tomi’e, mibitsok’ ama’e ty bitsoke
10 Linembeke ho asa’e an-tane ao ty tsingere naho ty fandrik’ an-dalañe eo.
11 Mañembañ’aze mb’atia mb’etia
o mampangetraketrakeo,
mañoridañ’ aze am-pandia’e.
12 Te hampibotsek’ aze ty haemberañe,
salahàñe’ ty hankàñe hikorovoha’e.
13 Hatao’e tsipeake ty holi’e,

habotse' ty tañoloñoloñan-kavilasy
o fangefange'eo.
14 Hombotañe an-kiboho'e ao
i niatoa'ey,
le hasese aolo' ty mpanjakam- pangetraketrahañe eo.
15 Leo raik' amo azeo
tsy mimoneñe an-kiboho'e ao,
famitsezam-ponde i akiba'ey.
16 Maike o vaha'e ambane ao,
vaho binira ambone ey ty tsampa'e
17 Modo an-tane atoy ty fitiahiañe aze;
tsy aman-tahinañe re an-koe añe.
18 Aronje boak'an-kazavàñe ao re
mb'an-kamoromoroñañe ao,
vaho atao soike ami'ty voatse fimoneñañe toy.
19 Ie tsy hanañ'anake ndra anan'anake
am'ondati'eo,
ho po-sehanga'e ty an-kijà'e ao.
20 Hilatsà' o mpanonjohy azeo i andro'ey, hambañe ami'ty firia-tsandri' o niaoloo.
21 Toe zay o akiban-tsereheñeo;
ty toe' o tsy mahafohiñe
an'Andrianañahareo.

# 19

1 Aa le hoe ty natoi' Iobe :
2 Pak'ombia nahareo
ro mbe hampiojeoje ty troko naho hampipinepinek'ahy an-tsaontsy?
3 Im-polo ty nañonjira' areo ahiko
vaho tsy mahasalats' anahareo
ty mañaraty ahy.
4 Aa naho nitò t'ie nandilatse, le midoñ' amako avao i tahiñey.
5 Naho mivongevòngek' amako nahareo manisý ahy amo injekoo,
6 Le mahafohina te nifotetse amako,
t'i Andrianañahare
vaho narikato'e amako ty harato'e.
7 Mitoreo raho fa nikatramoeñe
fe tsy amam-pañaoñe;
mikanjy, fe tsy añomean-to.
8 Finahepahe'e ty lalako tsy handenàko,
naho napo'e añ'oloñoloko ao ty ieñe.
9 Nampikorendahe'e amako ty engeko,
vaho nafaha'e an-dohako ao
i sabakam-bolonahetsey.
10 Narotsa'e mb'etia mb'atia,
le fa añe raho:
ombota'e hoe hatae ty fitamàko.
11 Nasoleba'e amako ka ty haviñera'e
vaho atao'e ho rafelahi'e.
12 Mitotoke amako o lahindefo'eo,
mitoañe mb'amako
le mitobe añariary i kibohokoy.
13 Napo'e lavitse ahy o rahalahikoo,

vaho fonga alik’amako o nimpiamakoo.
14 Namorintseñe ahy o longokoo,
nañaliño ahy o rañekoo.
15 O mitobok’ añ’anjombakoo,
naho o anak’ampatakoo,
songa manao ahy ho ambahiny,
toe renetane am-pahaisaha’e.
16 Tokaveko ty mpitoroko, fe tsy manoiñe,
ndra te itoreovam-bavako.
17 Mampangorý i valiko ty kofòko,
vaho heje’ ty amorin-dreneko.
18 Manirìk’ahy o anak’ajalahio,
ie miongake raho, onjira’ iareo.
19 Malaiñ’ahy iaby o atehenakoo;
tsambolitio’ o nikokoakoo.
20 Mipitek’ ami’ty holiko naho
ami’ty nofoko o taolakoo,
vaho an-tain-tsìko avao ty nimolaoreko.
21 Tretrezo raho, iferenaiño, ry rañeko;
fa nipaok’ ahy ty fitàn’Añahare.
22 Ino ty ampisoaña’ areo ahy hoe t’ie Andrianañahare?
Tsy mahaeneñ’ anahareo hao o holikoo?
23 Ee te nisokireñe o volako zao!
Lonike t’ie nipatereñe am-boke ao!
24 Ee any t’ie sokirañe
an-tsantilò viñe naho firake
am-bato tsy ho modo!
25 Fa naho zaho, apotako te veloñe
i Mpijebañ’ahikoy,
ie hijohañe ambone’
o lembokeo an-tsengaha’e añe.
26 Le ie fa momoke ty holiko—
ty mianto toy, ho treako boak’ ami’ty nofoko t’i Andrianañahare;
27 Eka, hahatrea Aze raho;
o masokoo ro hahaisak’ aze fa tsy ty ila’e.
Momoke o añ’ovakoo!
28 Hera hanao ty hoe nahareo:
Akore ty hampisoañan-tikañ’ aze?
Ino ty lengo’e ho tendreke
hanesehañ’ aze?
29 Mihembaña amy fibaray; amy te minday falilovam-pibara o haviñerañeo,
hahafohina’ areo te eo ty zaka.

# 20

*Tsofare*

1 Aa le hoe ty natoi’ i Tsofare
nte-Naamate:
2 Mañetsek’ ahy hanao o fitsakoreakoo, naho
tokoen-draha ty am-pisafoañ’ ao.
3 Fa tsinanoko i endake fañinjeañ’ ahiy, fe manoiñe ahy
ty arofo tsy takam-pahilàlako.

4 Tsy fohi’o hao boake haehae zay,
hirik ami’ty nampipohañe ondaty
an-tane atoy?
5 T’ie anianik’ avao ty hafalea’
o tsereheñeo,
mihelañe ty firebeha’ ty tsy aman-Kàke.
6 Ndra te mitakatse andikerañe eñe
ty fitoabora’e,
naho mioza rahoñe i añambone’ey,
7 mbe hihomake manahake o fiamonto’eo kitro-katroke;
hanao ty hoe o mpahatrea’ azeo:
Aia re?
8 Himosaoñe hoe nofy re,
tsy ho isake ka,
hasiotse hoe aroñaron-kaleñe.
9 Tsy ho isa’
ty fihaino nahaoniñe aze;
tsy hahatrea aze ka i akiba’ey.
10 Mipay tretre amo rarakeo o ana’eo;
le soloem-pità’e o vara’eo.
11 Lifotse ty havitrihan-katora’e
o taola’eo,
fe hitrao fidok’ ama’e an-debok’ ao.
12 Ndra te mamy am-palie’e ao
ty halò-tsere’e
vaho aeta’e ambane famele’e ao,
13 ndra te tea’e, tsy foe’e, tambozore’e am-palie’e ao,
14 le hiova hafaitse am-pisafoa’e ao
o mahakama’eo;
hoe vorehe’ o mereñeo ty ao.
15 Agedra’e o varao fe haloa’e;
ampañiliñan’ Añahare
boak’ am-pisafoa’e ao.
16 Sihe’e ty vorem-pañàneñe;
avetra’ ty fitsipom-pandrefeala.
17 Tsy ho sambae’e o torahañeo,
o saka midoandoan-tantele
naho hendron-drononoo.
18 Havaha’e i nifanehafa’ey, fa tsy hatele’e;
i vara niazo’e an-takinakey
tsy hahafale aze,
19 Amy te finorekeke’e o rarakeo
vaho nado’e ho poie’e;
nitavane’e ty anjomba tsy rinanji’e.
20 Ty amy tsy fipendreñañe an-tro’e ao,
tsy apo’ i fihaña’e
te eo ty himolaotse ama’e.
21 Po-draha sisa hagodrañe;
toly ndra hihelañe añe ty firaorao’e.
22 Ami’ty haliforan-kavokara’e
ty hanjoa’e fanjirañe;
fonga atreatre’e ze fità’ o misotrio.

23 Ie boboke ty fisafoa’e le hafetsa’e ama’e
ty fiforoforoan-kaviñera’e,
hakojojoa’e ama’e t’ie mihinañe.
24 Ndra te hivoratsaha’e
ty fialiam-bý, hampitrofak’ aze
ty fale torisìke.
25 Sitoneñe, le miakatse an-dambosi’e,
i masioñe milimolimotsey
boak’ añ’afero’e ao;
vaho vovoem-pirevendreveñañe.
26 Fimoromoroñañe ty vandroñeñe
ho amo vara’eo.
Afo tsy rarafeñe ty hamorototo aze vaho hangotomomoke ty honka’e
añ’akiba’e ao.
27 Ho borahe’ o likerañeo o hakeo’eo;
hitroatse hiatreatrea’ ty tane toy.
28 Ho kopaheñe ty vokatse
an-kivoho’e ao, ie hasoik’ añe amy andron-kaviñera’ey.
29 Zay ty toly havalen’ Añahare
amy lo-tserekey,
ty ampandovaen’ Añahare aze.

# 21

1 Le hoe ty natoi’ Iobe:
2 Tsatsiho o entakoo;
ehe t’ie ro hamere anahareo.
3 Iheveo hey hivolañe,
ie fa nivolañe, le mañinjea.
4 Aa naho zaho,
ondaty hao ty itoreovako?
Ino ty tsy hahatsimboetse ahy?
5 Isaho raho vaho ilatsao:
akapefo am-pitàñe ty falie.
6 Ie mahatiahy raho, le embetse;
fitititihañe ty mangazoñe ty vatako.
7 Akore te mbe veloñe o tsereheñeo,
miha-bey,
vaho mitombo an-kaozarañe*?
8 Mitrao-pimoneñe am’iareo,
am-pahaisaha’ iareo o ana’eo,
añatrefam-pihaino’ iareo
o tarira’eo.
9 Soa-aro tsy an-kahembañañe
o akiba’eo;
tsy am’ iereo ty kobain’Añahare.
10 Mitongoñe o añombelahi’eo fa tsy milesa;
miterake o añombe vave’eo fa tsy mandoly.
11 Ampidadà’ iereo
hoe lia raike o ana’eo;
mitrekatreka o keleia’eo.
12 Kantsáñe naho marovany

* **21:7** Sab 73:3,17, Iir 12:1-2

ty arahe’ iareo takasy,
vaho mifale ami’ty feon-tsoly.
13 Gadoñe’ iereo am-pibodobodoañe o andro’eo vaho mizotso mb’an-kibory ao am-pierañerañañe.
14 Ie nanao ty hoe aman’ Añahare:
Adono zahay!
Tsy fañiria’ay ty hahafohiñe o sata’oo.
15 Ia ze o El-Sadai zao, hitoroña’ay?
Ino ty ho tombo’e ho anay
te ihalalia’ay?
16 Heheke, tsy am-pità’ iareo ty hasoa, lavits’ahy
ty famerea’ o lo-tserekeo.
17 Im-pire hao te akipeke
ty failo’ o tsivokatseo?
Im-pire t’ie ivovoa’ ty hankàñe?
Ie anjarà’e ty tivontivoñe
ty amy haviñera’ey.
18 Boka-maike miatre-tioke iereo,
hoe kafo’e aboelen-tio-bey?
19 [Hoe nahareo:] Ahajan’ Añahare
ho amo ana’eo o tahi’eo.
Ehe te hañondroke ama’e
t’i Andrianañahare, hahafohina’e.
20 Apoho ho oni-pihaino’e ty firotsaha’e, hitohofa’e ty haviñera’ i El-Sadai.
21 Haoñe’e hao i hasavereña’e
hanonjohy azey,
apota’e hao te voaiake o vola’eo?
22 Ia ty hañoke hilala aman’Añahare
kanao Ie ro mizaka o an-dikerañeo?
23 Mihomak’ ami’ty haañoña’e ty raike,
ie miaiñañoleñañe am-panintsiñañe.
24 Pea ronono o korobo’eo,
lendeñe o betron-taola’eo.
25 Mivetrake ka ty aman-kafairan-troke,
le lia’e tsy nitsopeke raha mafiry.
26 Songa mandre andebok’ ao,
sindre saroñan-oletse.
27 Eka, fantako ty fikitroha’ areo,
ty fikililia’ areo hañaraty ahy.
28 Fa hoe nahareo:
Aia ty anjomba’ i roandriañey?
Aia ty kivoho, ty fimoneña’ o lo-tserekeo?
29 Mboe tsy nañontanea’ areo hao
o mpañaveloo,
tsy apota’ areo hao o talili’ iareoo?
30 te arovañe ho an-tsan-kankàñe
i tsereheñey, ho kozozoteñe mb’eo añ’androm-piforoforoañe.
31 Ia ty hiatreatre aze ty amo lala’eo,
ia ty hañondrok’ ama’e o nanoe’eo?
32 Ie takoneñe mb’an-kibory mb’eo,
vaho ambenañe i lona’ey.

33 Mamy ama’e o vongan-tane
am-bavataneo;
vaho fonga hañorik’ aze ondatio,
ie mitozantozañe ka ty niaolo.
34 Aia arè ty añohòa’ areo
amañ’entan-kòake,
le o hatoi’ areoo,
manao hakalitahañe avao.

# 22

1 Le hoe ty natoi’ i Elifaze nte-Temane:
2 Mahasoa an’Andriananañahare hao t’indaty?
mahafitoloñ’aze hao t’ie bey moko?
3 Mahafale i El-Sadai hao
t’ie vantañe?
aman-tambe’e hao te
fonire’o tsy aman-kila o sata’oo?
4 Ty fañeveña’o ama’e hao
ty añendaha’e azo hizaka’e?
5 Tsy mitoabotse hao o tahi’oo?
Tsi-vatse o hakeo’oo!
6 Nangala’o tsoake ami’ty tsy
vente’e i rahalahi’oy,
vaho hinoli’o hiboridañe.
7 Tsy nanjotsoa’o rano ty taliñiereñe hinoma’e,
vaho nitana’o amy salikoeñey
ty mahakama.
8 Tompo’ ty tane toy ty fanalolahy;
vaho mpioneñe ao ty aman-kasy.
9 Nampolie’o hara’e o vantotseo,
vaho navitso’o ty taña’ o bode-raeo.
10 Toly t’ie arikoboñem-pandrike, naho itsoborean-ka’endrahañe;
11 an-kamoromoroñañe tsy hahaisaha’o,
vaho mandipots’azo ty rano bey.
12 Tsy andindin-dikerañe ao hao
t’i Andriananañahare?
Isaho ka ty haabo’ o vasiañeo,
t’ie an-tiotiots’ eñe.
13 Hoe rehe: Ino ty arofoanan’ Añahare? hahafiranga
o ieñe milodolodoo hao ty fizakà’e?
14 Mañibok’ aze o rahoñe mikopokeo
tsy hahavazohoa’e,
vaho an-kivoho’ i likerañey ty fidraidraita’e.
15 Horihe’o hao i lalañe haehae
nilià’ ondaty tsereheñeoy?
16 O sinintoñe aolo’ ty andro’eo;
ie sinaon-drano-vohitse o faha’eo,
17 ie nanao ty hoe aman’ Añahare:
Ihankaño zahay; naho,
Ino ty mete hanoa’ i El-Sadai?
18 Mbe natsafe’e hasoa avao
ty anjomba’e.

Fe lavits’ ahy ty famerea’ o tsivokatseo.
19 Oni’ o vañoñeo zay, le fale,
iankahafa’ o malioo añ’ inje,
20 [ami’ty hoe]:
Toe naitoeñe o malaiñe anaio,
niforototoe’ ty afo
o vara’ iareoo.
21 Aa le mifampilongoa ama’e,
hanintsiña’o, hitotsaha’ ty soa.
22 Ehe, rambeso am-palie’e
ty Hake,
vaho ahajao añ’arofo’o ao
o tsara’eo.
23 Mimpolia amy El-Sadai
le ho vaoen-drehe,
ampisitaho lavitse
i kiboho’oy ty tsy to.
24 Ahajao an-debok’ ao ty vara,
ty volamena’ i Ofire
amo vato an-torahañeo.
25 Le i El-Sadai ty ho vara’o,
ie ty volafoty ki’e ama’o,
26 vaho hifalea’o t’i El-Sadai,
le hampiandrae’o aman’ Añahare
ty lahara’o.
27 Hihalaly ama’e rehe, le hijanjiña’e,
ie havaha’o o nifantà’oo.
28 Hisafiry rehe, le ho tafetetse vaho hireandreañe
amo lala’oo ty hazavàñe.
29 Naho eo ty areke,
le hanoa’o ty hoe: tsiringèvotse!
ty mirè-batañe ro haha.
30 Havotso’e hao ty tsy malio tahiñe,
hañaha azo ty faliom-pità’o.

# 23

1 Hoe ty natoi’ Iobe:
2 Mafaitse ty toreoko henaneo,
taña-miletraletra ty amy hatreontreoko.
3 Ehe te napotako ty hahatreavako Aze,
hiheovako mb’am-piambesa’e mb’eo.
4 Halahako aolo’e eo ty amako,
vaho hatsafeko veroke ty vavako.
5 Ho azoko ty entañe havale’e ahy,
vaho ho rendreko ty hitsara’e.
6 Hatreatré’e ami’ty hara’elahin-kaozara’e hao?
Aiy, f’ie ho haoñe’e.
7 Mete hilahatse ama’e ty vañoñe,
hamotsorañe ahy nainai’e
amy Mpizakakoy.
8 Hehe te mionjon-draho, f’ie tsy eo,

midisa-voly, fa tsy isako,
9 ie mitoloñ’an-kavia, tsy treako,
ie mitolike mb’àn-kavana,
tsy rendreko.
10 Fe arofoana’e ty lala fombàko,
ie fa nitsoeha’e le hiboake hoe volamena.
11 Nahafitinoñe i lia’ey ty tomboko,
nifaharako i lala’ey vaho tsy nitsile.
12 Tsy nisitahako o nafèm-pivimbi’eo;
nahajako o tsaram-palie’eo
mandikoatse ty anjara rimako.
13 F’ie tsy roe tsy telo,
ia ty hampitolik’ aze?
anoe’e iaby ze satrin’arofo’e.
14 Ie ro mañeneke o atolots’ ahikoo:
maro ty fanoe’e hoe zay.
15 Aa le hirevendreven-draho
añ’atrefa’e eo;
zaho mitsakore, le añeveñako.
16 Ampianifan’ Añahare ty troko,
ampangebahebae’ i El-Sadai,
17 Toe tsy naitoañ’ añatrefa’ i ieñey raho,
naho nisaroña’e an-tareheko i fimoromoroñañey.

## 24

1 Tsy mikafitse amy El-Sadai
o sa-o,
Akore te tsy mahaoniñe o andro’eo
o mahafohiñe azeo?
2 Ao ty mameve vorovoro:
ie mitavañe naho mampibotseke
lia-raike.
3 Roahe’ iareo añe ty borìkem-bode-rae,
vaho rambese’ iereo ho tsoake
ty vosi’ i vantotsey.
4 Ampisitahe’ iereo amy lalañey ty poie’e;
mitrao-pietake o rarake an-tane atoio.
5 Hehe te hoe borìke-ly
an-dratraratra añe
ty irembea’ iareo mitsindroke;
hera hamahan-kaneñe amo ana’eo
ty fatrambey.
6 Tatahe’ iereo ze haneñe an-kivok’ ao,
vaho timpone’ iereo
ty an-tanem-bahen-do-tserek’ ao.
7 Miboridañe t’ie mialeñe,
tsy aman-tsaroñe,
tsy amam-bodo amy hanintsiñey.
8 Len-oram-bohitse iereo,
vihineñe ty lamilamy
amy t’ie tsy amam-pipalirañe.
9 Eo ty mitavam-bode-rae am-patroa

vaho andrambesan-tsoak’ ty rarake.
10 Ampandenàñe tsy aman-tsikiñe
ty miboridañe,
tavane’ iareo ty taho’ o salikoeñeo,
11 ie mamboatse menake an-kijoly ao;
mandia am-piriritan-divay,
f’ie maran-drano.
12 Miñeoñeoñe an-drova ao ondatio,
mikoiake ty fiai’ o fereo;
f’ie tsy anesehan’ Añahare hagegeañe.
13 Mpiamo mpiola amo hazavàñeo,
tsy fohi’ iareo o sata’eo,
tsy imoneña’ iareo o lala’eo.
14 Mitroatse te mazava i mpañoho-dozay, hanjevoa’e o rarakeo
naho o poie’eo,
ie haleñe manao malaso.
15 Mandiñe mielizava
ty masom-panao havambañe,
hoe re: tsy honiñam-pihaino,
mbore honohonoe’e ty tarehe’e.
16 Ie añ’ieñe ro mampigorabak’ anjomba, antoandro migabeñe ao:
tsy fohi’ iereo ty hazavàñe.
17 Talinjom-piantantiritse ama’e
ty maraindray:
mahazats’ aze ty fampangebahebahan-
kamoromoroñañe.
18 Vore mikafo an-drano eo iereo;
fatra an-tane ty anjara’e,
tsy itsileañe ty mb’an-tanem-bahe’e.
19 Mamotseke ranom-panala
ty tariñandroke naho ty hain-tane:
zay ka ty kibory amo manan-tahiñeo.
20 Handikok’ aze i hoviñey;
an-kaehake ty fihinanan’ oletse aze
ampara’ te tsy tiahy ka:
ie pozaheñe hoe hatae i lo-tserekey.
21 Joie’e i betsiterakey,
tsy soa’e ty vantotse.
22 Kozozote’e amañ-ozatse ty fanalolahy;
mitroatse re le iatoa’ ia ty havelo’e.
23 Tolora’e fañarovañe, le iatoa’iareo;
mbore jilove’e o lala’iareoo.
24 Onjoneñe betebeteke iereo,
naho mifiotse añe;
afotsake naho atontoñe ao
manahake o ila’e iabio;
vaho miheatse hoe
t’ie lengom-boto-tsako.
25 Aa naho tsy zay,
ia ty hamente t’ie mavande
hampikoake i entakoy?

## 25

1 Nanoiñe amy zao t'i Bildade
nte-Sohy:
2 Aze ty fifeheañe naho ty fañeveñañe;
ampanintsiña'e ty andindi'e ao.
3 Tsi-vatse o lahin-defo'eo!
ama'ia ty tsy anjiriha' i hazavà'ey?
4 Aia te ho to aolon'Añahare ondatio?
Aia te halio ty nasaman-drakemba?
5 Ndra i volañey tsy mazava
vaho tsy ki'e am-pivazohoa'e o vasiañeo,
6 àntsake ondatio, fa oletse,
naho o ana' ondatio, fa aisañe.

## 26

1 Ty hoe ty natoi' Iobe:
2 Akore ty nañimba'o ty tsy aman' ozatse?
ty nandrombaha'o ty sirañe
tsy an-kafatrarañe?
3 Akore ty nanoroa'o ty tsy aman-kilala;
ty nitaroñe'o hasoa-anatse ami'ty maro?
4 Ia ty nañakara'o saontsy?
Vaho fañahi' ia ty nitroboeñe ama'o?
5 Mihelohelo ambane rano ao o loloo,
naho o mpimoneñeo.
6 Miboridañe añatrefa'e eo
ty Tsikeokeoke;
tsy aman-tsaro'e ty Fandrotsahañe.
7 Alama'e an-dikerañe ambone'
i hoakoakey i avaratsey;
aradorado'e ambone
hakoahañe eo ty tane toy.
8 Aholonkolo'e amo raho'eo ty rano,
fe tsy miporitsak' ambane i rahoñey.
9 Takona'e ty tarehe' i zava-volañey,
alafi'e ama'e i raho'ey.
10 Nañarikatoha'e sokitse
ty an-tarehe' o ranoo
hañefera'e amy ieñey i hazavàñey.
11 Miezeñezeñe o fahan-dikerañeo,
mianifañe ami'ty enda'e.
12 An-kaozarañe ty nampipendreña'e i riakey;
aman-kihitse ty nitomboha'e i Rahàbe.
13 I kofò'ey ty ampisava'e i likerañey;
trinofam-pità'e i mereñe mitsiritsiokey.
14 Inay, romoromom-pitoloña'e irezay,
le volam-bisibisike ty ijanjiñañe, Fe ia ty mahafohiñe i figorogodoiña'e ra'elahiy?

## 27

1 Tinovo' Iobe amy lañona'ey ty hoe:
2 Kanao veloñe t'i Andriananañahare,
nitavañe ty zoko;

naho i El-Sadai
nampafaitse ty troko,
3 ie mbe amako ty fiaiko,
naho an-doak' oroko ao
ty kofòn' Añahare,
4 le lia'e tsy hañoratse o soñikoo,
vaho tsy hiñeoñeo famañahiañe ty lelako.
5 Sondia'e te hiantofako ho to ty anahareo; ampara' te hivetrake,
tsy hapitsoko amako ty fahitiko.
6 Ho faharako ty havañonako
vaho tsy havotsoko;
leo raik' amo androkoo tsy inje' ty troko.
7 Ee te hanahake o tsereheñeo
o malaiñe ahikoo,
naho ho hambañe ami'ty tsivokatse
ty mitroatse amako.
8 Ino ty fitamà' ty tsy aman-Kake,
t'ie naito,
ie tsoahen' Añahare ty fiai'e?
9 Ho janjiñen'Añahare hao ty fikoia'e
ie mivovo ama'e ty hankàñe?
10 Hifalea'e hao t'i El-Sadai?
Ho kanjie'e nainai'e
hao t'i Andrianañahare?
11 Hampandrendreheko anahareo
ty fitàn' Añahare;
tsy eo ty hapoko ty amy El-Sadai.
12 Toe fonga nahaisake nahareo,
akore arè t'ie mitsingevongevo?
13 Intoy ty toly tsaharen' Añahare
amo tsereheñeo,
ty lova azotso' i El-Sadai
amo mampangebahebakeo;
14 Ndra firefire o ana'eo
le ho amy fibaray avao;
le lia'e tsy ho enen-kaneñe o tarira'eo.
15 Halente' ty kiria o sehanga'eo,
le tsy hahafandala o ramavoi'iareoo.
16 Ndra te ampitoabore'e
hoe deboke ty volafoty,
naho avotri'e hoe lietse o saroñeo—
17 ndra te ihentseña'e,
ho sikina' o vantañeo,
vaho hifanjarà' o malio-tahiñeo
i volafotiy.
18 Tsene'e hoe fararotse ty akiba'e,
hoe kibohotse faorem-pigaritse.
19 Reketse vara t'ie màndre,
fe tsy hamokatse ka;
ie mañente, tsy eo.
20 Imbotraha' ty firevendreveñañe
hoe sorotombake;

itavaña’ ty tangololahy haleñe.
21 Ahela’ i tiok’ atiñanañey; le añe re;
naviovio’ i tiobeiy amy toe’ey.
22 Eka mihiririñe mb’ama’e le tsy apo’e;
himanea’e ty hipoliotse am’pità’e.
23 Ho tehafam-pitàñe,
ho kosasaheñe hiakatse i toe’ey.

# 28

1 Toe ao ty lakato fitsikaraham-bolafoty naho ty toem-pitranaham-bolamena.
2 Akareñe an-debok’ ao ty viñe,
le tranaheñe am-bongam-bato
ty torisike.
3 Fongore’e ty ieñe, tsikarahe’e pak’
am-para-piefera’e ao ty vato,
an-kamoromoroñañe naho
an-talinjon-kavilasy ao.
4 Anokafa’e lalam-pigodañañe,
lavi-pimoneñañe; andikofam-pandia, miradorado ao, mitsikadròtse lavits’ ondaty.
5 Ty tane toy, ama’e ty iboaha’ ty mahakama; ambane’e ao
hoe trobotroboen’ afo.
6 Angalan-tsafira o vato’eo,
naho volamena an-debo’e ao.
7 Tsy hay o voro-pamaokeo i lalañey;
tsy trea’ ty maso’ i hitikitikey.
8 Tsy nilià’ o bibi-ly mpireñetseo;
mbe tsy nipiapia ambone’e eo ty liona.
9 Ahiti’e mb’amo vato-pilakeo ty fità’e vaho avalitaboa’e reke-bahatse
o vohitseo.
10 Kaohe’e amo vatoo ty talàha
vaho oni-pihaino’e ze atao vara.
11 Sebaña’e o torahañeo tsy hiorike;
aboa’e mb’an-kazavàñe o raha nikafitseo.
12 Fe aia ty hahaoniñañe hihitse?*
Aia ka ty toe’ o hilalao?
13 Tsy fohi’ondaty ty vili’e,
toe tsy tendrek’ an-tane’ o veloñeo.
14 hoe i lalekey, Tsy amako atoa;
le hoe i riakey, Tsy amako etoa.
15 Tsy ikaloam-bolamena,
vaho tsy andanjàm-bolafoty.
16 Tsy añoharañe ami’ty
volamena’ i Ofire,
ndra an-tsohame sarotse
ndra safira.
17 Tsy añirinkiriña’ ty volamena
ndra ty kristaly,
tsy tsalohem-panake volamena ki’e.
18 Tsy ivolañañe
ty vaton-driake ndra vato-soa;

* **28:12** a.28

ambone’ o hangeo ty fikaloan-kihitse.
19 Tsy oharañe ama’e ty pit-dae† ’ i Kose,
tsy ibalibalihem-bolamena hiringiri’e.
20 Hirik’ aia arè o hihitseo?
Vaho aia ty toe’ o hilalao?
21 Ie mikafits’ am-pihaino’
ze atao veloñe,
vaho mietak’ amo voron-tiokeo.
22 Hoe ty Tsikeokeoke naho i Havilasy:
fa nahatsanon-talily aze o sofi’aio.
23 Arofoanan’ Añahare i lala’ey,
fohi’e ka i toe’ey.
24 Jilove’e pak’ añ’olo’ ty tane toy,
vazoho’e ze he’e ambanen-dikerañe ao.
25 Ie nanolora’e lanja o tiokeo,
vaho nanjara’e an-kapoake o ranoo;
26 ie nafepè’e o orañeo,
naho ty lala’ o helats’ampiñeo;
27 Le nivazohoe’e, nitseize’e;
najado’e vaho tsinikara’e.
28 Le hoe re am’ondatio,
Inao: Ty fañeveñañe amy Talè,
Zay ro hihitse;
ty fisitahañe an-karatiañe ro hilala.

## 29

1 Tinoi’Iobe i lañona’ey, ami’ty hoe:
2 Ee t’ie nanahake o volañeo,
naho o andro narovan’ Añahare ahikoo;
3 ie niiloilo ambone’ lohako eo ty failo’e,
naho i hazavà’ey ty nirangako añ’ieñe ao;
4 ie tañ’andro naha añoñ’ay ahy,
vaho tambone’ kibohoko eo
ty firañetan’ Añahare;
5 ie mbe tamako t’i El-Sadai,
naho niarikoboñ’ ahy o keleiakoo;
6 ie nisasan-kendron-dronono o liakoo,
vaho nadoandoa’ o vatoo amako
ty menake!
7 Ie niakatse mb’an-dalambein-drova mb’eo raho,
ie rinambeko antameañe eo
i fitobohakoy.
8 Nisitak’ ahiko o ajalahio te zoeñe,
songa niongake ty bey vaho nijohañe;
9 Nitroatse ami’ty fivesoveso’e
o roandriañeo vaho nitàm-palie.
10 Nianjiñe ty fiarañanaña’ o roandriañeo,
le nipitek’ an-dañilañy o famele’eo.
11 Ie jinanjin-dravembia,
le natao’e haha raho,
ie niisam-pihaino, le nitalily ahy;

† **28:19** Pit-dae: karaza-vatosoa

12 amy te rinombako ty rarake
nikai-drombake,
i bode-rae tsy amam-pañimbay.
13 Nivotrak’ amako ty tata’ i nipetrokey,
vaho nampisaboeko an-kaehake
ty arofo’ o vantotseo.
14 Niombeako ty havantañañe,
le nisalora’e;
nanahake ty sabaka reke-tsarimbo
ty havañonako.
15 Ni-fihaino ami’ty fey raho,
naho fandia amo kepekeo.
16 Ni-rae’ o poie’eo,
vaho nitsikaraheko
ty nipaia’ i alik’amakoy.
17 Pinekako ty famotsi’ o tsereheñeo naho tinavako amo nife’eo
i nitsindrohe’ey.
18 Le hoe ty fitsakoreako,
t’ie hikenkañe añ’akibako ao,
naho hampimiràko amo faseñeo ty androko;
19 mitsiriaria mb’an-drano o vahakoo vaho mialeñe amo tsampakoo ty zono.
20 Vao amako nainai’e ty engeko,
vaoeñe an-tañako ao ty faleko.
21 Nijanjiñe naho nandiñe ahy ondatio,
nianjiñe t’ie namereako.
22 Ie nilañon-draho, tsy nisaontsy iereo,
nitsopatsopak’ am’iereo o entakoo.
23 Hoe orañe ty nandiñisa’ iareo ahiko;
ie nipaña-palie
hoe aman’ oram-panjaka.
24 Nisomilahako t’ie tsy niantoke;
le tsy nazè’ iereo ty filoeloean-tareheko.
25 Jinoboko ty lala hombà’ iareo
vaho nitoboke hoe talè,
nimoneñe hoe mpanjaka ami’ty borizà’e,
manahake ty mpañohòm-pandala.

# 30

1 Fe itsikihan-jaiko henaneo,
ie tsy ho nimeiko hindrezan-droae’ iareo o amboan’ añondrikoo.
2 Eka! hataoko ino’
ty herin-taña’ iareo?
Ie fa modo ty hagañ’oza’ iareo?
3 Miheahea naho poie’e
vaho saliko iereo,
draote’ iereo ty tane kànkañe
ie nimontoñe naho tanan-taolo te omale.
4 Tsindrohe’ iereo ty aña-mafaitse
miharo vahon-tsoy,
fihina’iareo ty vahan-jañapoly.
5 Sinoik’ an-drolongo’e iareo,

nikoraheñe hoe t’ie malaso.
6 Aa le mimoneñe am-bavatane
mampangebahebak’ ao iereo,
an-dakatom-bato
naho an-kadahan-tane ao.
7 Mikoaike boak’an-drongoñe ao,
mihimpok’ añ’antak’ ao.
8 Anan-dagola, anake po-tahinañe,
nasiotsiotse amy taney.
9 Bekobekoe’ iareo raho henaneo
toe fandrabioña’ iareo.
10 Heje’ iereo vintañe,
ihankaña’ iareo,
tsy apo’ iareo ty mandrora an-tareheko.
11 Amy te navotso’e ty tàlem-pale’e
le nitrofahe’e raho,
vaho ahifi’ iereo laboridy
te miatrek’ ahy.
12 Mitroatse an-kavanako eo o tora’eo;
fehefehè’ iereo o tombokoo
vaho atroa’ iareo amako ty satam-
pandrotsaha’ iareo.
13 Trobotroboe’ iereo o lalakoo,
indrà’ iareo amako o feh’ ohatseo,
ndra t’ie tsy amam-pañolotse.
14 Mizilike hoe mb’an-jeba’e
mitañataña ao iareo;
Iboroboñafa’ iareo i rinotsakey
le mikidiadia’ mb’etoy.
15 Natolik’ amako o
fampirevendreveñañeo;
heañe’ iereo hoe tioke ty asiko;
fa nihelañe añe hoe rahoñe ty fandrombahako.
16 Ie henaneo,
fa nadoañe amako ato ty fiaiko;
fa mifelek’ ahy o andro
nanotriañe ahikoo.
17 Tsipohe’e haleñe o taolakoo,
vaho tsy mitofa ty fikotekotehañe ahy.
18 Mampiroñaroña o sikikoo
i fañindra’e mafey vaho
vihine’e raho manahake
i kolen’ akanjokoy.
19 Fa navokovoko’e am-potak’ ao raho,
le ninjare hoe lavenoke naho deboke.
20 Mikaik’ imba ama’o raho
fe tsy toiñe’o;
miongake fe angarefa’o.
21 Toe mpampisoañe ahy rehe:
an-kaozaram-pità’o ty isareraha’o.
22 Ampionjone’o mb’amy tiokey mb’eo,
naho ampiningira’o,

fe atrana’o amy tio-beiy.
23 Apotako t’ie hasese’o mb’an-kavetrahañe mb’eo,
mb’añ’anjombam-pifañaoña’ ze kila veloñe.
24 Aa tsy hañity ty fità’e hao ty
am-botrim-piantoañe eo?
tsy hikoik’ imba hao
t’ie mizò hekoheko?
25 Tsy nitañiako hao ty nian-kòheke?
Tsy nampihontoke
ty troko hao o rarakeo?
26 Zaho nitama hasoa, pok’eo ty raty;
ie nandiñe hazavàñe nihohohe’ ty ieñe.
27 Mikokèntrekokèntreñe ty añovako ao le tsy mitofa;
atreatrén-tsan-kasotriañe.
28 Mijarabajaraba añ’ ieñe ao
tsy amam-panjirik’ andro,
miongak’ am-pivory naho mikaik’ imba.
29 Fa rahalahim-panaloke raho,
rañe’ o voron-tsatrañeo.
30 Mikò-mainte amako ty holiko,
mitsovovoke o taolakoo ami’ty hasilo’e.
31 Aa le mivali-ko feon-kontoke
ty marovaniko,
naho feom-pandala ty soliko

# 31

1 Fa nifañina amo masokoo raho;
akore arè ty hikirofako ty somondrara?
2 Inoñ’amy zao ty anjarako
aman’ Añahare ambone ao,
naho ty lovako amy El-Sadai
andikerañe añe?
3 Tsy feh’ohatse ho a o lo-tserekeo hao, hekoheko ho a o mpitolon-karatiañeo?
4 Tsy vazoho’e hao o lalakoo,
naho iahe’e iaby o liakoo?
5 Aa naho nindrezako lia t’i Remborake,
ndra nalisa mb’am-pamañahiañe
mb’eo o tombokoo—
6 Le ehe t’ie ho lanjaeñe
am-pandanjañe to,
hahàrofoanan’Añahare ty havantañako!
7 Naho nitsile amy lalañey ty tomboko,
naho nañorike o masokoo ty foko,
naho nipiteha’ ty pepo o tañakoo;
8 le soa raho te hitongy hikamà’ ondaty;
vaho hombotañe ze mitiry ho ahy.
9 Naho nisigihe’ ty rakemba ty foko,
naho nivoñoñe
an-dalan-drañeko eo;
10 ee te ho hafa ty handisaña’ i valiko,
naho ami’ty ila’e ty hibaboha’e.
11 Ie ho ni-hakeo mena,

tahiñe mañeva mpizaka,
12 ho ni-afo namorototo
pak'an Tsikeokeok' ao,
ho fonga nombota'e reke-bahatse
o nivokarekoo.
13 Aa naho ninjèko ty zo' ondevoko
lahy ndra ampela,
ie naneseke toreo ahy;
14 le ino ty hanoeko naho mitroatse
t'i Andrianañahare?
ino ty havaleko aze naho ampamolilia'e?
15 Tsy namboatse aze ka hao i nitsene
ahy an-koviñey?
Tsy Ie avao ty nandranjy anay
an-koviñ' ao?
16 Aa naho nitanako ami'ty poie'e ty nipaia'e, ndra nampaieñe
ty fihaino' i vantotsey,
17 naho niareñaren-draho te nitendre,
tsy nanisako ty bode—
18 Toe ni-ajalahy raho t'ie nibeizeko
manahake te ni-rae'e,
boak'an-kovin-dreneko ao
ty niaoloako i vantotsey—
19 aa naho nitreako ty mpirererere
tsy aman-tsikiñe,
ndra ty rarake tsy aman-tsaroñe,
20 naho tsy nitahy ahy o toha'eo,
vaho tsy nampafana aze ty
volon' añondriko;
21 naho nonjoñeko haoke ty bode,
ie nitreako an-dalambey ey
hañonjonako ty ahiko;
22 le angao hikalatrake
an-tsoroko ao ty fangalin-tsoroko,
vaho hapitsok' am-pikatsoha'e
ty sirako.
23 Amy te mampangebahebak' ahy
ty hankàñe boak'aman' Añahare,
vaho tsy ho nanoeko ty amy enge'ey.
24 Naho natokisako ty volamena,
ndra nataoko te fiatoako
ty volamena ki'e,
25 aa naho nirebehako ty hamaro o varakoo, ty amy habey natonton-tañakoy;
26 naho nijiloveko i àndroy
amy fipisaña'ey,
ndra i volañey te misitse an' enge'ey,
27 naho sinigìke añ'etake ty troko vaho nañifik'oroke boak' am-bavako ty tañako;
28 le ho ni-hakeo fikai-jaka ka!
ie ho nivalik' aman' Añahare
ambone ao.
29 Naho nahafale ahy ty fiantoa' o malaiñe ahikoo,
kera nitrehañe t'ie nivovoan-kankàñe.

30 Tsie, tsy napoko hanan-tahiñe ty vavako hitake ty fiai’e am-pàtse—
31 Tsy nanao ty hoe hao
o mpitoron-kivohokoo:
Ia ty mahatrea
ty tsy nanjañe’ i mahakama’ey!—
32 Tsy nibabòfok’ alafe ao ty ambahiny,
fa nisokafeko amo mpañaveloo o lalakoo.
33 Aa naho naetako manahake i Dame
ty fiolàko
ndra nakafiko añ’arañako ao o hakeokoo,
34 ie nampiholibalà ahy i màroy,
nampianifaña’ ty inje’ o mpirofokoo,
le nitsiñe avao, tsy niakatse an-dalañe .
35 Ee te eo ty hijanjiñe ahy!
Intoy ty soniako!
Ho toiñe’ i El-Sadai abey,
naho i taratasin-tsisý
sinokin-drafelahikoy!
36 Toe ho ni-vavèko an-tsoroko zay;
ho ni-vahoreko amako hoe sabaka;
37 ho volilieko ama’e o liakoo;
ho niatrefako hoe roandriañe.
38 Aa naho mitoreo amako ty taneko,
naho mitrao-pirovetse o vavahali’eo;
39 naho nihaneko ty voka’e fa tsy nandoa drala vaho nampiselekaiñe ty tompo’e,
40 le ee t’ie hitiriam-patike hasolo
ty ampemba,
hisatse hasolo ty tsako.
Nigadoñe amy zao ty lañona’Iobe.

# 32

1 nAa le nijihetse tsy nanoiñe Iobe indaty telo rey, ie nivañoñe am-pihaino’e avao.
2 Niforoforo amy zao ty haboseha’ i Elihò* ana’ i Barakele ana’ i Bozý† nte-Rame‡;
niforoforoe’e t’Iobe amy t’ie mañatò-vatañe añatrefan’ Añahare, 3 nahabosek’ aze
ka i rañe’ Iobe telo rey amy te tsy nahavale, fe ndra namatse Iobe. 4 Ie amy zao,
nandiñe ty hazoke’ iareoy t’i Eliho vaho nisaontsy am’Iobe. 5 Aa ie nioni’ i Eliho
te tsy aman-katoi’e ty falie’ indaty telo rey, le nifombo an-kaboseke. 6 Aa le nanoiñe
ami’ty hoe t’i Eliho ana’ i Barakele ana’ i Bozý: Toe tora’e an-taoñe raho, androanavy
nahareo; le nihemban-draho tsy nahavany hitaroñe ty heveko.
7 Hoe raho: O androo ro hilañoñe,
ty hamaro taoñe ro hañoke hihitse.
8 Fe i arofo am’ondatioy,
naho i kofòn’ El-Sadaiy§
ty manolo-kilala am’iareo.
9 Tsy t’ie antetse ro mahihitse,
tsy te zoke ro mahilala ty hatò.
10 Aa le hoe raho, Janjiño;
hitaroñe o entakoo ka.
11 Ie zao, nahaliñe o asa’ areoo raho,

* 32:2 Eliho: Ie t’i Andrianañahareko † 32:2 Bozy: teratera ‡ 32:2 Rame: mandigiligy; naonjoñe
§ 32:8 Andriampañotroñey, Kila lefe’e

tsinanoko o niereñerea’ areoo,
ie nitsikarahe’areo ty ho lañoneñe.
12 Toe nitsendreñe anahareo raho,
fe leo raike tsy nahafandietse Iobe,
ndra raik’ ama’ areo tsy nahavale
o enta’eo.
13 Ko manao ty hoe:
Nitendreke hihitse zahay;
ho roahen’ Añahare, fa tsy ondaty.
14 Tsy nalaha’e amako o saontsi’eo,
vaho tsy o lañona’areoo ty hatoiko.
15 Angoae iereo, tsy mamale ka;
nijiañe ty saontsi’ iareo.
16 Aa handiñe avao hao raho?
ie nijohañe, tsy mahafanoiñe.
17 Hivaleako ka ami’ty ahiko;
hitaroñe ty heveko.
18 Toe lifo-bolan-draho;
manjitse ahy ty trok’ amako atoa.
19 Toe manahake ty divay
tsy amam-pikofò’e ty troko,
fa hiporitsake hoe zonjòn-divay vao.
20 Adono hivolan-draho hanintsiñako;
Apoho hanoka-tsoñy hitoiñako.
21 Ehe te tsy eo ty ho rihieko,
ndra t’indaty ho lombofeko.
22 Tsy haiko ty mitsiriry
fa ho nasintan’ Andrianamboatse aniany.

# 33

1 Ie amy zao, ry Iobe, janjiño o entakoo, tsendreño iaby o volakoo.
2 Hehe t’ie misoka-bava;
mirehake ty lela am-bavako ao.
3 Habeo’ ty havantañan-troko o volakoo,
le hitaron-kilala ki’e o soñikoo.
4 Nitsene ahiko t’i Arofon’Añahare,
vaho mameloñe ahy ty kofò’ i El-Sadai.
5 Toiño raho naho mete’o;
alaharo añ’atrefako etoa; mitroara!
6 Hehe t’ie aman’ Añahare manahake azo:
nitsenèñe am-bokon-dietse ka.
7 Ehe, tsy hahafiriatsandry azo
ty fihembaña’o ahy,
mbore tsy havesatse ama’o te tindrieko.
8 Toe nisaontsy am-pitsanoñako rehe,
tsinendreko i fiarañanañan-dañona’oy,
9 nanao ty hoe:
Mikanitsoke raho, tsy aman-kakeo;
ki’e tsy aman-tahiñe an-troko ao.
10 Ie mipay lengo’e haneseha’e ahy,
Zaho atao’e ho rafelahi’e;
11 Ajo’e an-dongòk’ ao o tombokoo, vandroñe’e iaby o lalakoo.

12 Hete! ambarako azo:
Zao ty tsy maha-to ty azo:
Jabajaba te ama’ ondaty
t’i Andrianañahare.
13 Ino ty atreatre’o aze, te inao,
Tsy hene volilie’e o anoe’eo?
14 Indraike ty itsaràn’ Añahare, he indroe,
fe tsy haoñe’ ondaty.
15 amo nofioo, añ’aroñaron-kaleñe,
naho milañake an-drotse ondatio,
ie mihity an-tihy ao;
16 zay ty anokafa’e ty ravembia’ ondaty naho ampipiteha’e ao ty fanoroañe,
17 soa te havi’e amo sata’eo t’indaty naho sebaña’e ty firengevohan-dRaolombelo,
18 hitàn-ty tro’e tsy homb-
an’tsikeokeok’ ao
naho ty fiai’e
tsy ho mongorem-pibara.
19 Liloveñe am-panaentaeñañe
an-tihi’e eo ondatio,
itoreova’e nainai’e o taola’eo,
20 ampara te heje’e ty mahakama,
vaho tsy nom-pisafoa’e ty raha mafiry.
21 Minik’ avao ty sandri’e,
le tsy trea;
o taola’eo tsy niisake taolo,
mirikiriky henaneo.
22 Harivoe’ ty tro’e ty kibory,
naho ty fiai’e o mpamonoo.
23 Aa naho eo ty anjely hañalañalañe ho aze, raik’ ami’ty arivo,
hañatoà’e ty havantaña’ ondaty,
24 le ee te hiferenaiña’e, hanao ty hoe,
Hahao re tsy higodañe
mb’an-tsikeokeok’ ao;
fa nitreako ty vilin’ ai’e;
25 le hanahake ty haleme’
ty nofon’ ajaja ty sandri’e,
Apoho himpolia’e o andron-katòra’eo.
26 Mihalaly aman’ Añahare re, le no’e,
isa’e an-kafaleañe i lahara’ey,
vaho ampolie’e ama’ ondaty ty havañona’e.
27 Hibekoa’e ondatio, ami’ty hoe:
Nandilatse raho, nimengoheko
ty hahiti’e vaho tsy sazò ahy;
28 toe jineba’e ty troko tsy hivariña’e
mb’an-koboñ’ao,
ho isa’ ty fiaiko i fireandreañey.
29 Inao, fanoen’ Añahare iaby rezay,
in-droe, eka in-telo amy t’indaty,
30 hampolie’e boak’an-tsikeokeok’ ao
ty tro’e, hiloeloe an-kazavàn-kavelo.
31 Mitomira ry Iobe, janjiño raho;

mianjiña le hivolañe.
32 Ihe aman' entañe, toiño;
mitaroña fa te hañatò azo raho.
33 Naho tsie, mitsatsiha, mianjiña,
vaho hanarako hihitse.

# 34

1 Natovo' i Eliho, ty hoe:
2 Janjiño o entakoo
ry androanavy mahihitseo,
anokilaño ravembia,
ry mahafohiñeo.
3 fa mitso-tsara ty ravembia manahake
ty fitsohan-dañilañy mahakama.
4 Antao tika hijoboñe ty soa,
hisafirian-tika ty atao fanjàka.
5 amy nanoe' Iobey, ty hoe: Vañon-draho,
fe nasintan' Añahare amako ty zoko;
6 handañirako hao i zokoy;
tsy mete melañe i trinofan-defoñey,
ndra t'ie malio-tahiñe.
7 Ondaty ia ty rahamba' Iobe?
ie migenoke inje hoe rano,
8 ie mpifañosoñe amo mpitolon-karatiañeo le mitrao-pañavelo
am'ondaty mengokeo?
9 ie nanao ty hoe, Tsy vente'e ama'ondatio te ifalea'e t'i Andrianañahare.
10 Aa le janjiño raho, ry aman-kilálao,
Lavits' an' Andrianañahare
ty haratiañe,
naho amy El-Sadai ty fandilarañe.
11 Fa o sata'eo ty hanambeza'e ondaty,
o fitoloña'eo ro hanoly aze
ami'ty eva'e.
12 Toe tsy manao raty t'i Andrianañahare,
vaho tsy mañolake ty hatò
t'i El-Sadai.
13 Ia ty nampamandroñ' aze ty tane toy,
vaho ia ty nampivave aze
ty voatse bey toy?
14 Aa naho nampoli'e ama'e ty fo' ondaty naho natonto'e ama'e i tro'ey vaho i kofo'ey,
15 le fonga ho nitrao-pihomahañe ze atao nofotse;
vaho kila ho nibalike
ho lemboke ondatio.
16 Fe naho mahilala, janjiño,
tsendreño ty feo' o entakoo.
17 Hifehe hao ty malaiñe to?
Hafà'o hao i Fanalolahy Vañoñey?
18 I manao ty hoe ami'ty mpanjaka:
Ry Votro,
naho amo ana-donakeo, Ty Piaroteñe!
19 Ie tsy miasy roandriañe,
tsy mañaom-pañaleale

mandikoatse ty rarake,
ie fonga satam-pità'e.
20 Mihomak'aniany iereo, te petsak'ale;
troboeñe ondatio le mihelañe añe,
asintake tsy am-pitàñe o maozatseo.
21 Fa amo sata' ondatio o fihaino'eo,
vazoho'e iaby o lia'eo.
22 Tsy eo ty ieñe ndra ty
fimoromoroñañe hietaha' o tsereheñeo.
23 Le tsy ifotoañan' andro ty hiatrefa' ondaty aman'Añahare ho zakaeñe.
24 Demohe'e tsy an-dohy o fatratseo,
le avotra'e an-toe'e eo ty handimbe aze.
25 Aa kanao arofoana'e o sata'eo,
le avalitaboa'e te haleñe,
vaho dorodoroe'e.
26 Lafà'e manahake o tsereheñeo
an-tameañe eo ho fisambàñe,
27 amy t'ie nitsile tsy nañorik' aze,
le tsy teo t'ie nañaoñe o lala'eo,
28 toly ndra nampombae' iareo mb'ama'e ty fitoreova' o rarakeo
fa janji'e ty toreo' o silofeñeo—
29 naho mianjin-dre, ia ty hanìñe?
Ie aeta'e ty lahara'e,
ia ty hahaisak' aze,
ndra t'ie foko ndra te ondaty—
30 soa tsy hifehe ty tsi-aman-Kàke,
vaho tsy ho fandrik' am' ondatio.
31 Ia ty nanao ty hoe aman'Añahare?
Fa nililoveñe, zaho tsy nandilatse;
32 Anaro ahy o tsy treakoo;
naho niota faly, tsy hanoeko ka?
33 I satri'oy hao ty hamalea'e Azo,
kanao liere'o?
Ihe 'nio ty hijoboñe, fa tsy zaho;
aa le saontsio o fohi'oo.
34 Hanao ty hoe amako ondaty mahilalao, Toe mahafijanjiñe ty androanavy mahihitse:
35 Misaontsy tsy aman-kilala t'Iobe,
vaho tsy hinotsohotso'e o enta'eo.
36 Ee te ho hereherèñe pak'am-para'e t'Iobe ie nanoiñe hoe ondaty lo-tsereke.
37 Tompea'e fiolàñe o hakeo'eo;
miteha-pitàn-dre añivon-tikañe eo,
le manovon-tsaontsy hatreatre'e
t'i Andrianañahare.

## 35

1 Le hoe ty natovo' i Eliho:
2 Atao'o mahity hao
i nanoe'o ty hoe,
Zaho ro vantañe te aman' Añahare.
3 Fa hoe rehe, Inoñe ty ho tombo'e ho azo? Ino ty ho tambeko mandikoatse
te tsy nandilatse?

4 Hanoiñe azo naho o rañe'o
mindre ama'oo raho.
5 Mitalakesa mb'andikerañe ey
vaho Mahaisaha;
Heheke o rahoñeo, ambòne'o iereo.
6 Ihe mandilatse, Mijoy aze hao? Ie bey hakeo, Inoñe ty anoe'o ama'e?
7 Ie vantan-drehe, ino ty atolo'o aze,
ke ino ty rambese'e am-pità'o?
8 Ho ama' ondaty manahak' azo
ty hatsivokara'o naho
amo ana' ondatio ty havañona'o.
9 O hamarom-pamorekekeañeo
ty itoreova' iareo,
ty sira maoza' i maroy ty ikaiha'iareo,
10 fe tsy eo ty manao:
Aia t'i Andrianamboatse ahy,
i Mpañomey sabo an-kaleñey,
11 i mañòke raha maro amantika
te amo bibi' ty tane toioy,
vaho ampahihire'e ambone'
o voron-tiokeo?
12 Eo ty mikaike,
f'ie tsy manoiñe
ty amy firengevoha' ondaty
raty tserekeoy.
13 Toe tsy janjin' Añahare ty raha kafoake;
tsy haoñe' i El-Sadai,
14 Antsake t'ie manao te tsy mahaoniñe aze;
aolo'e eo ty enta'o, aa le liñiso;
15 Ie henaneo, mbe tsy nitilihe'e an-kaviñera'e, tsy loho nihaoñe'e
o fandilarañeo.
16 Aa le evoñe ty aakam-palie' Iobe;
ampitomboa'e lañonañe tsy aman-kilala.

# 36

1 Natovo' i Eliho ty hoe:
2 Iheveo hey raho le hitoroako te mbe aman-ko volañeñe hañonjonañe an'Andrianañahare.
3 Hitoha hilala tsietoitane añe raho,
tolorako havantañañe i Mpitsene ahiy.
4 Toe aman-kila o entakoo;
vaho ama'o i aman-kilala fonitsey.
5 Inao maozatse t'i Andrianañahare,
naho tsy mirihy;
ie fatratse an-kaozaram-paharofoanañe.
6 Tsy tana'e ho veloñe o tsereheñeo,
fe omei'e to ty tso-troke.
7 Tsy asita'e amo vantañeo o fihaino'eo;
fa ampiambesare'e ho nainai'e
amo mpanjaka am-piambesa'eo,
vaho onjone'e.
8 Aa ie mirohy an-tsilisily,

naho nivahoran-kasotriañe,
9 le itaroña'e o sata' iareoo
naho o fiolà' iareoo, te mitakeboke.
10 Sokafe'e hianatse o ravembiao,
vaho lilie'e te hiambohoa' iareo
o tsy havokarañeo.
11 Ie mañaoñe naho mitoroñ'aze,
le amam-bokatse ty higadoña' o andro'eo vaho am-pierañerañañe o tao'eo.
12 F'ie tsy mañaoñe,
le ho zamanem-pibara,
hiantantiritse tsy aman-kilala,
13 ie mañaja si-manty,
tsy aman-Kàke an-troke;
tsy mikaike olotse te rohiza'e.
14 Robak' an-katora'e ty sandri'iareo,
ty fiai' iareo an-karapiloan-do.
15 Haha'e am-pisotria'e ty misotry;
anokafa'e ravembia i forekekeñey.
16 Eka, tinao'e boak' an-jitse rehe
mb'an-tameañe tsy aman-tindry;
naho lifo-tsafo'e ty hazotso
am-pandambaña'o eo.
17 F'ie nañeneke ty fizakañe
o rati-tserekeo;
fiihine' ty zaka naho ty hatò.
18 Itaò tsy hanigìk' azo hañivañiva
ty habosehañe,
vaho apoho tsy hampitsile azo
ty habeim-bokàñe.
19 Hahatohañ'azo tsy ho am-poheke hao o vara'oo?
ndra ze hene hafatraran-kaozara'o?
20 Ko salalaeñe ty haleñe,
ie aitoañe an-toe'e ondatio.
21 Miambena, tsy hitoliha'o ty haratiañe;
toe ie ty nijoboñe'o,
fa tsy hasotriañe.
22 Inao! onjoñe' ty haozara'e t'i Andrianañahare
Ia ty mpañoke mañirinkiriñe Aze?
23 Ia ty nanendre ty lala homb'e?
Ia ty mahafivolañe ty hoe:
Tsy soa o nanoe'oo?
24 Tiahio hey ty hañonjonañe
o fitoloña'eo, o fisaboa' ondatio.
25 Hene nahaisake ondatio;
talakesa' ondaty an-tsietoitaneo
26 Inao! jabahinake
t'i Andrianañahare,
tsy taka' ty hilalan-tika;
tsy hay volilieñe ty ia' o tao'eo.
27 Aonjo'e o pilipiton-dranoo;
ampanjaria'e orañe i evoñey;

28 Le ampikojojoahe’ o rahoñeo,
hitsopatsopake, hañerek’ am’ondatio.
29 Hete! Ia ty maharofoanañe
ty fiboelea’ o rahoñeo?
ty fangotroha’ i sokemitraha’ey?
30 Oniño te ampivarakaihe’e ama’e o fitsipela’eo vaho ampoa’e
ty vaha’ i riakey.
31 Ie ro izaka’e ondatio;
naho añeneña’e mahakama.
32 Safora’e helatse o fità’eo,
naho lilie’e hitomboke.
33 Mitalily aze i ampi’ey,
amo añombeo t’ie ho avy.

# 37

1 Inao ka, ty mampinevenevetse
ty troko
ty mampitsamboañe aze an-toe’e.
2 Tsatsiho ty fipoñam-piarañanaña’e,
naho i hotroke miakatse am-palie’ey.
3 Hahà’e ambanen-kaliforan-dikerañe eo naho i hela’ey pak’añ’olo-ty tane toy.
4 Mandimbe aze ty fitroñam-peo,
mangotrok’ amy fiarañanañan’ enge’ey vaho tsy ho kalaña’e i helatsey t’ie janjiñeñe
i fiarañanaña’ey.
5 Halatsàñe ty fangotrohan’ Añahare
i fiarañanaña’ey;
ra’elahy o fitoloña’eo,
tsy lefen-tika tsikaraheñe.
6 Hoe re amy fanalay, Mifiafià an-tane eo; naho amy orañey, Milihira.
7 Vihine’e iaby ty fità’ondatio
hahafohina’ ze kila ondaty ty fitoloña’e.
8 Mimoak’ an-dakato ao amy zao o bibio,
miampitse am-pipalira’e ao.
9 Boak’ atimo ao ty tangololahy,
boak’ avaratse añe i tsintsiñey.
10 Ty kofòn’ Añahare ro anoloram-panala,
Ajihe’e ty fibanara’ o ranoo.
11 Ampijinie’e halèñe
i rahoñe milodolodoy:
Ampiparaitahe’e mb’eo
o rahom-pihelara’eo.
12 Mibalike re, añodiña’ ty fiteha’e,
hanoa’e ze andilia’e
ambone’ o tane fimoneñañeo.
13 Ampahavia’e, ke t’ie kobaiñe,
ke ho an-tane’e, he te fiferenaiñañe.
14 Inao! ry Iobe, mijohaña vaho haraharao
o fitoloñan’Añahare fanjakao.
15 Fohi’o hao ty fampijadoñan’
Añahare iareo?
Ty fampipalipalitsie’e o raho’eo

himilemiletse.
16 Fohi'o hao ty fandanjan-drahoñe,
o halatsañe amy Lifo-kilalaio?
17 Ihe aman-tsaroñe matrovoke naho
ampitsiñe' i tiok'atimoy ty tane toy?
18 Lefe'o hao, ihe mitraok' ama'e,
ty mamelatse i likerañey,
an-kagàn-ketsoro natranake.
19 Añanaro anay ty ho saontsie'ay;
Fa tsy mahafandahatse
zahay ty amy ieñey.
20 Hisaontsiañe hao
te zaho hivolañe?
Ihalalia' t'indaty hao te hagedrañe.
21 Tsy ho isa'e henaneo i hazavàñe mireandreañe an-kalo' o rahoñeo;
naho tsy ampisavae' i tioke mihelañey.
22 Havolamenañe ty boak' avaratse añe ;
aman'engeñe maharevendreveñe
t'i Andrianañahare.
23 Tsy lefe'ay tsikaraheñe 'nio i El-Sadai,
Jabahinak' an' ozatse,
fe tsy olañe'e ty zaka
naho ty havantañañe vokatse.
24 Aa le mañeveñe ama'e ondatio;
leo raike tsy haoñe'e
t'ie manao kante an-troke.

# 38

1 Nanoiñe Iobe boak' an-talio amy zao t'IEHOVÀ
ami'ty hoe:
2 Ia ze o mampaieñe vere
añ'enta'e tsy aman-kilalao?
3 Midiaña vania hoe ondaty;
le hañontaneako,
vaho ho toiñe'o.
4 Taia v'iheo te najadoko
o faha' ty tane toio?
Taroño kanao mahilala.
5 Ia ty nisafiry o zehe'eo naho fohi'o?
he ia ty namavatse taly ama'e?
6 Najadoñe ami'ty inoñ' o faha'eo?
ia ka ty nampitsatoke ty vato-lahi'e?
7 Ie hene nitrao-pisaboañe o vasia-maraiñeo vaho fonga nipoñak' an-drebeke o anan' Añahareo.
8 Ke ia ty nampigabeñe i riakey
an-dalam-bey,
ie vaho niboloañe boak'an-koviñe ao.
9 Ie nitseneako saroñe an-drahoñe,
naho sokotry an-kamoromoroñañe.
10 Ie nafepèko o efe'eo vaho nampijadoñe ty sikada'e naho o lala'eo,
11 Ami'ty hoe: Efets' etoa ty homba'o,
le tsy ilikoarañe;

etoañe ty hanjirañe
o onja'o mitoabotseo.
12 Fa linili'o hao i maraiñey,
sikal'am-pifotoran' andro'o añe,
he nampahafohine'o
i fanjirik'androy hao i toe'ey,
13 hamihina'e o indran-taneo,
hañifihañe ama'e o lo-tserekeo?
14 Ie miova hoe lietse ambanem-boli-pitomboke,
miboake hoe volon-tsaroñe ty vinta'e.
15 Fe tanañe amo tsereheñeo ty hazavà'iareo,
vaho ampipozaheñe ty sira mizonjoñe.
16 Fa niziliha'o hao ty figoangoaña'
i riakey?
hera nijelanjelañe an-goledo' i lalekey?
17 Fa nibentareñ' ama'o hao
o lalam-bein-kavilasio?
fa niisa'o hao
o lalan-talinjom-pihomahañeo?
18 Apota'o hao ty fienene' ty tane toy?
abejaño naho hene fohi'o?
19 Aia ty lalam-bam-pimoneña' i hazavàñey?
Naho i ieñey, aia ty akiba'e?
20 Hanesea'o mb'am-pifaritsoha'e añe: hitinoña'o o lalam-ban-kiboho'e mb'eo?
21 Fohi'o kanao zay ty nisamahañ' azo,
vaho tsivatse o andro'oo!
22 Fa nimoaha'o hao
ty fañajañe i fanalay?
Nioni'o hao ty famandroñañe
o havandrao?
23 I nahajako ho an-tsan-kasotriañey,
ho amy andron-kotakotake
naho fialiañey?
24 Lalañe aia ty ifampirià' i hazavàñey,
ty ifampitsiriaria' i tiok'atiñanañey
an-tane atoy?
25 Ia ty nihaly talaha ho a
i fisorotombahañey,
ndra ty lalan-kombà'
i àmpin-kotrokey?
26 Hahavia' ty orañe an-tane tsy ama'ondaty, ndra an-diolio
pok' olombeloñe,
27 hahaeneñe i fatram-bey mangoakoakey hitovoaña' i ahetsey hitiry?
28 Manan-drae hao i orañey?
Ke ia ty nampiareñe o tsopan-jonoo?
29 Boak' an-kovi' ia o fanalao?
Le i pilitem-panalan-dikerañey,
ia ty nisamak' aze?
30 Ie mihagàñe hoe vato ty rano,
vaho mijihetse ty tarehe' i lalekey?
31 Lefe' o feheñe hao

o silisili' i *Kimào,
ndra ampibalaheñe ty vahots' i †Kesileo?
32 Hampiakare'o an-tsà'e hao
t'i ‡Mazarote?
Ho tehafe'o hao t'i §Aiìse
rekets' o ana'eo?
33 Fohi'o hao o fañèn-dikerañeo?
Ho lefe'o ajadoñe hao
ty fifehea' iareo ty tane toy?
34 Mahafipoña-peo mb'an-drahoñe
mb'eo v'iheo,
hahaliporañ' azo an-drano bey?
35 Mahafañirake hotroke v'iheo,
hihiririña'e mb'eo,
hanoa'iareo ty hoe: Intoan-jahay?
36 Ia ty nampipoke hihitse an-troke ao?
Ia ka ty nanolotse hilala añ' arofo?
37 Ia ty mahafañiake o rahoñeo
ami'ty hihi'e?
ke mahafañiliñe o zonjon-dikerañeo,
38 ie ampibokobokoeñe ty deboke,
vaho mifampipiteke o vonga'eo?
39 Ho tsatsae'o haneñe hao ty liona?
Ho eneñe'o hao ty hatea-hane'
o liona tora'eo,
40 Ie mikoloto an-dakato ao,
ie misimotse ami'ty mangongòñe ao?
41 Ia ty mamahan-tsindroke o koàkeo,
ie mikoaik' aman'Añahare o ana'eo,
naho mikariokariok' avao
tsy aman-kaneñe?

# 39

1 Fohi'o hao te ombia ty faneraha'
o ose-lìm-bohitseo?
Ambena'o hao ty fitsongoa' i fanalokey?
2 Lefe'o iaheñe hao o volañe itohera' iareoo? Rendre'o hao
ty andro faneraha' iareo?
3 Mivokoke iereo, hampipoke anake, hampigadoñe o fitsongoa'eo.
4 Mihagañe o ana'eo,
mitombo an-kivoke ey;
ie mionjom-beo, tsy himpoly ka.
5 Ia ty nañirake ty borìke ly hidada?
Ia ty nampibalake
ty rohi' i borìke malisay?
6 Nanoeko ho kiboho'e ty fatram-bey
naho ho fimoneña'e ty tane sira.
7 Tsambolitio'e
ty fivalitsikotaha' o rovao,
tsy rei'e ty fikoraha' i mpiroakey.

---

* 38:31 Kimà: I vasiam-pito rey † 38:31 Kesile: Orion (ty ama' i Bode ao) ‡ 38:32 Mazarote: I vilon-dikera 12 rey. § 38:32 Aiise: ty viloñe sare bera avaratsey.

8 Tsikarahe’e amo vohitseo ty ho fihinana’e vaho tsoetsoehe’e ze hene atao antsetra.
9 Hiantofa’ ty ndrimo hao
ty hitoroñe azo?
hialeña’e hao ty an-jolo’o ao?
10 Lefe’o hao ty hamahotse i ndrimoy
aman-tàly am-bokavoka eo,
hiava o vavahalio am-pañorihañe azo?
11 Hatokisa’o hao,
ty harà’elahin-kaozara’ey?
Hado’o ho aze hao o fitoloña’oo?
12 Hiantofa’o hao te hampoli’e
o mahakama’oo,
te hatonto’e hirik’ am-pamofohañe ey?
13 Mihepakepak’ an-kafalea’e o elam-boron-tsatrañeo,
ndra te matify o volon’ela’eo,
14 Fa apo’e an-tane eo o atoli’eo,
ampamana’e i debokey?
15 Amoea’e t’ie mete ho demohem-pandia,
hera ho lialiàm-bibi-ly.
16 Ampisoañe’e o ana’eo, hoe t’ie tsy aze;
aa ndra te tsy vente’e o fitoloña’eo
tsy ahoa’e;
17 Toe tsy natolon’Añahare hihitse,
vaho tsy nandivà’e hilala.
18 Ie mitroatse hitoabora’e le tohafa’e
ty soavala reke-piningitse.
19 Tinolo’o ozatse hao ty soavala?
Sinaro’o fineveneverañe hao
ty an-kàto’e ao?
20 Ihe hao ty nampitsindrèko aze
hoe valala?
Mampañeveñe ty engem-pikofoha’e.
21 Jaote’e ty am-bavatane,
irebeha’e i haozara’ey;
mionjomb’eo re hijoñe
mb’an-kotakotake.
22 Iankahafa’e ty tahotse, tsy hemban-dre;
tsy iambohoa’e ty fibara.
23 Mikantsakantsàñe ama’e
ty trañom-pale’e
i lefoñe mitsopelatsey,
naho i ana-defoñey.
24 Abotse’e an-trotrofiake ty tane
naho an-doroloro;
tsy ampitsangane’ ty fivolan’ antsivay.
25 Ndra mbia’mbia mipopò i antsivay
le hoe ty kofò’e: Hirity!
Antsoñe’e añe i hotakotakey, ty fihotrohotro’ o mpifeheo,
vaho i fikorahan’ aliy.
26 Ami’ty hihi’o hao ty itiliña’
i tsimalahoy,

ty amelara’e mañatimo o ela’eo?
27 Ami’ty taro’o hao ty fañambonea’
ty vantio
hañamboara’e traño andigiligy eñe?
28 Himoneña’e an-kerereretsak’ ey;
hañialoa’e an-tseram-bato tsy takatse eñe.
29 Talakese’e boak’ao ty tsindro’e;
mahatrea lavitse o maso’eo.
30 Misike lio o ana’e tora’eo;
Amy vinonoy ty toe’e.

# 40

1 Tinovo’ IEHOVÀ am’Iobe ty hoe,
2 Hatretrè’ ty mpandietse hao
t’i El-Sadai?
Manoiña, ry mpañeretse
an’ Andrianañahareo.
3 Nanoiñe IEHOVÀ ami’ty hoe t’Iobe:
4 Intoy o tsy manjofakeo;
ino ty hahatoiñako azo?
Hampikapefe’ ty tañako ty vavako.
5 Indraike ty nivolañeko
fa tsy ho tovoñako;
eka, indroe, fa tsy ho losoreko.
6 Aa le nanoiñe Iobe t’IEHOVÀ boak’
an-talio ao, ami’ty hoe,
7 Midiaña hoe ondaty;
hañontaneako
le ihe ty hitaroñe amako.
8 Hafote’o hao o zakakoo?
Hamatse ahy rehe, hahazoa’o to?
9 Amam-pitàñe manahake
añ’Andrianañahare v’iheo?
Mahafañotrok’ am-peo
hambañ’ ama’e hao?
10 Mihamina amañ’engeñe
naho havañonañe;
misaroña asiñe naho volonahetse;
11 Adoaño o habose’o mandopatseo;
jilovo ze hene mpirengevoke
vaho afotsaho.
12 Fonga rendreho ty mpibohaboha,
le arèho;
lialiao ambane o lo-tserekeo.
13 Akafiro hitraofa’e an-debok’ ao;
vahoro añ’etak’ ao o lahara’ iareoo.
14 Le hiantofako ama’o te mahafandrombak’ azo o fità’o havanao.
15 Oniño hey ty Behemote,
i naharoko fitseneañe ama’oy;
mihinañe ahetse re manahake o añombeo.
16 Heheke te am-poto-pe’e ao ty haozara’e, amo ozan-tro’eo
ty hafatrara’e.
17 Atora-kitsi’e hoe talý ty ohi’e;

mifamanditse iaby o talin-ozan-toha’eo.
18 Boda torisike o taola’eo,
hoe tsotsò-by o kitso’eo
19 Ie ty lohàñe amo satan’ añahareo;
I namboatse azey
ro mahafitotok’ ama’e am-pibara.
20 Toe mamahan-kaneñe aze o vohitseo,
amy fihisa’ o bibin-kivoke iabioy.
21 Mandre ambane’ sohihy eo re,
am-pipaliram-binda
an-tane manginakinak’ ao.
22 Mañalok’ aze ty talinjo’ o sohihio; miarikoboñ’ aze iaby
o bararata añ’olon-dranoo.
23 Tsy ihondrahondrà’e
ty fandipora’ i sakay;
mahasibeke re ndra te isorotombaha’
Iordaney mb’am-bava’e.
24 Eo hao ty hahatsepak’aze te mañente; eo hao ty hahafangirike i oro’ey
hampikavitse aze?
25 Mahatarike i *Leviatàne
am-bintañe v-iheo?
hatindri’o ambane an-tàly hao i lela’ey?
26 Lefe’o hao ty mampikiviro i oro’ey,
ndra ty hangirike
i soma’ey am-pengoke?
27 Hanao lako halaly ama’o hao re?
Ke hivolañe mora ama’o?
28 Hifañina ama’o hao, handrambesa’o aze
ho fetrek’oro’o kitro katroke?
29 Ho hisà’o hao hoe voroñe?
ke ho tantalie’o ho amo anak’ ampela’oo.
30 Hifampihehetse ama’e hao
o mpanao balikeo?
Ho zarae’ iareo am’
o mpanao takinakeo hao re?
31 Ho tsitsihem-pirango hao i holi’ey?
Ndra i loha’ey an-defom-piañe?
32 Apaoho ama’e ty fità’o vaho tiahio i ho ali’oy te tsy hindroe’o.

# 41

1 Hete! Toe tsy vente’e t’ie salalaeñe,
tsy ho tafahohoke hao te isahañe?
2 I Tsy eo ty lahitsi’ay mahavany
hitsobore aze;
ia arè ty mahafiatreatre amako?
3 Ia ty nanolotse ahy, te havahako?
ahiko ze hene ambanen-dikerañe ao.
4 Tsy hitsiñeko o kitso’eo,
ty haozara’e ra’elahiy,
vaho i sandri’e tsaratseakey,
5 Ia ty hañolitse o sisin-koli’eo?

---

* **40:25** Leviatane: fañanen-driake bey haehae

Ia ty hahafizilik’
añivom-balañorà’e roe ao?
6 Ia ty mahafisokake
o lalam-bein-tarehe’eo?
mampangetraketrake ty fañarikatoha’ o nife’eo.
7 Fisengea’e o sisì’e fatratseo,
ie mikititse hoe linite;
8 Akore ty fifampikiteha’e
kanao tsy mahafitsifitse ao ty tioke.
9 Nifampireketeñe iereo,
mifampipiteke, tsy lefe akatrake.
10 Mitsopela-kazavàñe o fihatsìhe’eo,
manahake ty holi-maso’
i maraindraiñey o maso’eo.
11 Failo milebaleba ty miakatse am-bava’e, afo mipelatse ty mipitsike mb’eo.
12 Mañatoeñe o loa-koro’eo,
hoe valàñe mamorotse
ambone vinda mirehetse.
13 Mamiañe foroha ty kofò’e,
afo misodotse ty miboak’ am-bava’e ao.
14 Mimoneñe an-kàto’e ty haozarañe,
vaho mitsinjak’ aolo’e eo ty miroreke.
15 Mifampirekets’ ama’e i holi’e mifanosokeo, gañe ama’e zay tsy mete asitse.
16 Gañe hoe vato ty fo’e;
manahake ty hamafem-bato-lisañe ambane.
17 Ie mivoalatse, miholi-tsandry
o fanalolahio; ie vereñe mamoe’ay.
18 Tsy lefe t’ie liherem-pibara, ndra lefoñe, ndra ana-defo, ndra
baramino masioñe.
19 Atao’e ho boka maike ty viñe,
naho hatae voroke ty torisìke.
20 Tsy mahafandrifitse aze o ana-paleo;
atao’e forompotse o vato-piletseo.
21 Tonton-drongoñe ama’e o kobaiñeo, tohafa’e o lefoñe mikaratsakaratsakeo.
22 Silam-balañe-tane masioñe ty ambane’e, hoe mamofopofoke ampemba t’ie miranga fotake.
23 Ampitroatroahe’e hoe valàñe i lalekey;
ampanahafe’e ami’ty fampitranahañe rano mañitse i riakey.
24 Anoe’e lala-miloeloe ty am-boho’e ao
anoe’e hoe a maròy foty i lalekey.
25 Tsy ambone-tane atoy
ty mañirinkiriñe aze,
ie nitsenèñe tsy ho aman-tahotse.
26 Jilojilove’e iaby ze atao abo;
ie ty lohà’ ze hene anam-pirengevohañe.

# 42

1 Natoi’ Iobe amy zao t’Iehovà,
2 Fantako te kila lefe’o,
le tsy azo sebañeñe ze safiri’o.
3 Hoe rehe: Ia ze o mañeta-panoroañe

tsy aman-kilala zao?
Toe nivolañeko ty tsy nirendreko,
o raha loho mandikoatse ahy, tsy napotako.
4 Ehe janjiño, [hoe rehe,]
le hivolan-draho,
hañontaneako vaho ho toiñe'o.
5 Toe nahatsanoñe ty ama'o raho
am-pijanjiñan-dravembia,
fe mahatrea Azo o masokoo henaneo;
6 Aa le hejeko ty troko vaho
misoloho an-deboke naho lavenoke.
7 Ie fa nilañone' IEHOVÀ am' Iobe i tsara rezay, le hoe t'IEHOVÀ amy Elifaze nte-
Temane: Miforoforo ama'o naho amo rañe'o roe reo ty haboseko; amy te tsy nitaroña'
areo ty hatò, manahake ty nanoem-pitoroko Iobe. 8 Aa le andrambeso bania fito naho
añondrilahy fito, le miheova mb'amy Iobe mpitoroko mb'eo naho mañengà soroñe
ho anahareo; le hihalalia' Iobe mpitoroko naho ho noko i halali'ey vaho tsy hanoeko
ama' areo ty mañeva i hanè' areoy; amy t'ie tsy nilañoñe ahy an-katò, manahake ty
nanoe' i mpitoroko Iobey.
9 Aa le nimb'eo t'i Elifaze nte-Temane naho i Bildade nte Sohy naho i Tsofare
nte-Naamà le nanoe' iereo i tsinara' IEHOVÀ am' iereoy; le ninò' IEHOVÀ ty halali'
Iobe. 10 Aa le nampoli' IEHOVÀ o vara' Iobeo, ie nihalaly ho a i rañe'e rey; vaho
natolo' IEHOVÀ am' Iobe indroe' ty nanaña'e taolo. 11 Nomb' ama'e mb'eo amy
zao o rahalahi'e iabio naho o rahavave'e iabio naho ze hene nahafohiñe aze taolo
vaho nitrao-pikama ama'e añ' anjomba'e ao; nitretreze' iareo vaho nañohò aze amo
fonga haoreañe nafetsa' IEHOVÀ ama'eo; vaho songa nanolotse ty bogady ama'e
naho ty bange volamena. 12 Nitahie' IEHOVÀ o figadoñan' andro' Iobeo mandikoatse
te amy nifotora'ey; ie nanañ' añondry rai-ale tsy efats' arivo naho rameva eneñ'
arivo naho katràka mpiharo-bao arivo vaho borìke-vave arivo. 13 Nanañ' anadahy
fito re naho anak' ampela telo. 14 Natao'e Iemimae ty añara' i valoha'ey naho
Keziae ty faharoe vaho Keren-Kapokee ty fahatelo. 15 Tsy nañirinkiriñeñe amy
tane iabiy ty hamozohozo' i anak' ampela' Iobe rey vaho songa tinolon-drae'e lova
miharo amo ana-dahi'eo. 16 Ie añe, mbe niveloñe zato-tsy-efapolo taoñe t'Iobe vaho
niisa'e o ana'eo naho o zafe'eo pak'an-tariratse fah'efafatse. 17 Aa le nivilasy t'Iobe,
androanavy bey, lifots' andro.

# Sabo
## Fange I

*Sabo 1 - 41*

## 1

1 Haha t'indaty tsy mañavelo
am-panoroa' o lo-tserekeo*,
naho tsy mijohañe an-dala'
o beihakeoo,
vaho tsy miambesatse am-
pitoboha' o mpañinjeo;
2 Fa ty Hà' IEHOVÀ
ro mampinembanembañ' aze,
ninihe'e handro an-kaleñe i Hà'ey
3 Ie ho hambañe aman-katae namboleñe
añ'olon-torahañe eo,
mamoa an-tsa'e naho
tsy miheatse o rave'eo,
miraorao ze hene anoe'e.
4 Tsy manahake zay o lo-tserekeo,
fa hambañe amo kafokafo
aboelen-tiokeo.
5 Toly ndra tsy haha-fitroatse amy zakay
o tsivokatseo,
ndra ami'ty fivori' o vañoñeo
o mpanan-tahiñeo.
6 Arofoana' IEHOVÀ ty fañaveloa'
o vantañeo,
fe ho modo ty fandenà'
o tsivoatsoloo.

## 2

*Ty Fañorizan' Añahare i Jinobo'ey*

1 Ino ty fidabasida' o kilakila ondatio*,
naho ty fikililia' ondatio
raha tsy vente'e.
2 Mijohañe o mpanjaka' ty tane toio,
naho mitrao-kinia o mpifeheo
hiatreatre am' IEHOVÀ naho i Noriza'ey†,
manao ty hoe:
3 Antao handrafadrafatse
o talirandra' iareoo,
le hahimpan-tika o rohi' iareoo.
4 Miankahake i mpiambesatse
an-dindiñey;
mitsikìke iareo t'i Talè. 5 Fa ho trevohe'e an-keloke,
vaho hampinevenevere'e am-pifombo'e:

---

* **1:1** rasà: tsy aman-Kake, lo-tsereke * **2:1** Mat 4:25-26; Dan 2:44, 7:13-28, Kag 2:22, Zek 14:9, Ben 11:15; 19:19
† **2:2** Nañiliane Solike : i Norizañey zay

6 Toe zaho ty nañoriñe ty Mpanjakako e Tsiône‡ ao amy vohiko miavakey.
7 Sokireko ho lily:
hoe t'IEHOVÀ amako:
ANAKO rehe, anindroany
ty nampiareñako azo. 8 Mihalalia amako le hampandovaeko
Azo o fifeheañeo,
naho ho fanaña'o o olon-taneo.
9 Ho pozahe'o am-bodam-by;
Hampijeñajeñahe'e hoe siniharam-panao
valàñe-tane.
10 Aa le mahihira ry mpanjakao;
Mimetea oke
ry mpizaka' ty tane toio.
11 Toroño am-pañeveñañe t'IEHOVÀ,
vaho mirebeha am-pineveneverañe;
12 Ondroho i Anakey
tsy mone hiviñera'e,
vaho hihomak' an-dalañe ey nahareo;
fa mete hisolebatse aniany ty fifombo'e.
Hene haha ze mitsolok' ama'e.

# 3

*Sabo' i Davide t'ie nirifatse ty lay hisitak' amy Absolome* Ana'e* 1 Ry IEHOVÀ, Akore ty fitomboa'
o mpamorefore ahikoo !
Maro ty miongake hiatreatre ahy.
2 Lako ty manao ty hoe ty amako : Tsy ama'e ty fandrombahan' Añahare. Selà
3 Fa Ihe, ry IEHOVÀ,
ro kalan-defo mañohoñ' ahy, ty engeko
naho ty Mpampiandra ty lohako.
4 Ie koiheko am-peo t'IEHOVÀ,
le janjiñe'e amy vohi'e miavakey. Selà
5 Màndre raho vaho miroro; tsekake amy te mpañimba ahy t'IEHOVÀ.
6 Tsy hembañako i lahiale
miarikoboñe hiatreatre ahikoy.
7 Miongaha, ry IEHOVÀ! Rombaho raho ry Andriananañahareko,
fa fonga tinampifi'o ty valañorà'
o rafelahikoo;
vaho pinekapeka'o ty nife'
o lo-tserekeo.
8 Am' IEHOVÀ ty fandrombahañe;
naho am'ondati'oo ty fitahia'o. Selà

# 4

*Ho a i Talèn' Tsakeray; Ho titiheñe ami'ty Marovany, Sabo' i Davide* 1 Ry Andriananañaharen-kavañonako
toiño raho te mikanjy Azo
fa Ihe ty nañivake ho ahy te nalovilovy;
isoho vaho janjiño o halalikoo.

---

‡ 2:6 Ierosalaime * 3: Absolome: raem-panintsiñañe

2 O ry ana'ondatio, Sikala 'mbia ro
hafote' areo ho inje ty asiko?
ty hikoko ty tsy vente'e,
hitsoeke ty famañahiañe? Selà
3 Fe fohino te navaha' IEHOVÀ
ho ama'e i vañoñey;
ho janjiñe' IEHOVÀ te kanjieko.
4 Minevenevera, le ko mandilatse;
mañereñerea añ'arofo an-tihi'o eo, vaho mianjiña. Selà
5 Mañengà soron-kavantañañe,
vaho miatoa am'IEHOVÀ.
6 Maro ty mivola :
Ia ty hampiboake hasoa amantika?
Ry IEHOVÀ, onjono ama'ay
ty hazavan-dahara'o.
7 Ihe nampipoke haehake an-troko ao, mandikoatse te
an-tsàm-pamokara' iareo
ampemba naho divay.
8 Hàndre an-kanintsin-draho le hiroro
amy te Ihe avao ry IEHOVÀ
ro mampimoneñe ahy am-pitsolohañe.

# 5

*Ho a i Talèn-tsakera : an-Tsoly Sabo' i Davide* 1 O ry IEHOVÀ, toloro ravembia
o volakoo;
ereñereo o toreokoo.
2 Haoño ty feon-koiko ry Mpanjakako
naho Andrianañahareko :
Ihe ro ihalaliako.
3 Handro ty hijanjiña'o ty feoko r'IEHOVÀ;
Maraindraiñe te honjoñeko vaho hiandra.
4 Tsy mahafale azo ry Andrianañahare ty haratiañe;
mbore tsy hañialo ama'o ty haloloañe.
5 Tsy hijohañe añ'atrefam-pihaino'o
o mpirebodrebokeo;
fonga heje'o ze mitolon-draha kafoake.
6 Ho rotsahe'o ze mivolam-bande;
heje' IEHOVÀ
t'indaty mampiori-dio naho ty mamañahy.
7 Fe naho zaho, i fo ferenaiña'o fonitsey ty himoahako añ'anjomba'o ao, vaho hiambane mb'añ'anjomba'o
miavake mb'eo, fa mañeveñ' ama'o.
8 Ry IEHOVÀ, Iaolò ami'ty hatò'o
ty amo mivoñoñe ahikoo;
avantaño añatrefako eo ty lala'o.
9 Tsy am-pahitiañe ty vava' iareo;
hatsivokarañe ty an-tro'e ao;
kibory misokake o tretra'eo,
ie mitsiriry am-pameleke.
10 Ozoño iereo, ry Andrianañahare,
hikorovok' ami'ty fikililia'iareo;

soiho añe ami'ty habeim-piolà'iareo
amy t'ie niody ama'o.
11 Hene hirebeke ze mipalitse ama'o, hiriñariña an-kobaiñe nainai'e;
le ampialofo,
handia taroba ama'o o mpikoko ty tahina'oo,
12 Toe ihe ty mampanintsiñe o vantañeo,
ry IEHOVÀ, ohoñe'o fañisohañe
hoe te am-pikalan-defoñe.

## 6

*Ho a i Talèn-tsakeray ampititiheñe, Titiheñe an-Tali-valo; Sabo' i Davide* 1 Ry
IEHOVÀ, ko endaha'o ami'ty haviñera'o,
le ko mandilo ahy an-keloke.
2 Tretrezo, ry IEHOVÀ, fa minike;
jangano ry IEHOVÀ
fa minevenevetse o taolakoo.
3 Loho mangebahebake ty troko:
Fa Ihe ry IEHOVÀ—hombia?
4 Mibaliha, ry IEHOVÀ, Hahao ty fiaiko;
rombaho ty amy fiferenaiña'o.
5 Tsy mahatiahy Azo ty an-kavilasy;
ia ty hañandriañ' Azo an-tsikeokeok' ao?
6 Mahamàmak' ahy ty fiñeoñeoko;
ampigoribagoribañeko haleñe
ty kidoriko,
ampitranaheko rano maso
ty fandreako.
7 Mitike o masokoo ami'ty haemberako;
mihamodo ty amo rafelahy iabio.
8 Soike ry hene mpanao ratio;
fa nahajanjiñe ty feon-tañiko t'IEHOVÀ.
9 Jinanji' IEHOVÀ ty halaliko;
no' IEHOVÀ ty filolofako.
10 Fonga ho salatse naho hangebahebake
o rafelahikoo;
Ampipolieñe iereo,
vaho hiambovoa' ty fimeñarañe.

## 7

*Nisaboa' i Davide aman'Añahare ty amy saontsi' i Kosy nte-Beniamine* 1 Ry IEHOVÀ
Andrianañahareko,
Ihe ro fitsolohako, avotsoro
amo mañoridañe ahikoo, le hahao;
2 Tsy mone ho ritaritae'e
hoe liona ty fiaiko,
hirofodrofota'e tsy
amam-pañolotse.
3 Ry IEHOVÀ Andrianañahareko,
naho nanoeko zao :
lehe an-tañako ty hatsivokarañe,

4 naho vinaleko haratiañe ty rañeko;
hera nivoloseko tsy amam-poto'e
ty nañembets' ahy;
5 Le ho hotrohe' ty rafelahiko, hiambotraha'e;
ho lialià'e an-tane ty haveloko, vaho hado'e an-debok' ao
ty engeko. Selà
6 Miongaha, ry IEHOVÀ, an-kaviñera'o,
miavota ty amo fitrotrofiaha'
o rafelahikoo.
mivañona ty amako amy zaka kinoi'oy.
7 Hiarikatok' ama'o ty fivori' ondatio,
vaho mibaliha hifehea'o
boak'añ'abo ey.
8 Ry IEHOVÀ Mpizaka o kilakila 'ndatio;
zakao raho ry IEHOVÀ, ty amy havantañako naho ty havañonako an-trok' ao.
9 Hijihetse ty haratia' o lo-tserekeo
naho hajado'o o vañoñeo,
fa mpitsòke arofo naho ova
t'i Andrianañahare vantañe.
10 Aman'Añahare ao ty fikalako
Ie mpandrombake o vañon-trokeo.
11 Mpizaka to t'i Andrianañahare,
Eka, torifike boak' andro
t'i Andrianañahare;
12 Aa naho tsy mimpoly t'indaty: le ho sioña'e i fibara'ey;
fa navoho'e ty fale'e
vaho nihajarie'e;
13 Fa nihentseñe'e fialiañe mahafate,
ampibelabelae' afo o ana-pàle'eo.
14 Hehe t'ie tsongoen-tsihavokarañe,
ie nampiareñe kilily
vaho hiterake i remborake;
15 Nihaly kobon-dre naho nampigorabahe'e,
vaho tafajorobo amy hinali'ey.
16 Toe hibalik' an-doha'e avao
ty fikitroha'e raty,
vaho hivotrak' an-kevo'e eo
i nandovia'ey.
17 Andriañeko t'IEHOVÀ
ty amy havantaña'ey,
ho bangoeko an-tsabo ty tahina'
IEHOVÀ Andindimoneñe.

# 8

*Ho a i Talèm-Pititike, Anoeñe maro-taly, Sabo' i Davide* 1 Ry IEHOVÀ, Talè'ay, Oakitia!
ty havolonahe' i Tahina'oy
manitsike ty tane toy,
napò'o ambonen-dikerañe eñe ty enge'o!
2 Boak'am-bava' o ajaja-menao
naho o ajaja minonoo

ty nampijadoña'o haozarañe,
ty amo malaiñe Azoo,
hampiànjiña'o o rafelahio naho o mpamale-fateo.
3 Ie haraharaeko o likera'oo, ty fitoloñan-drambom-pità'o,
i volañey naho o vasiañe najado'oo.
4 Ino ondatio, te itsakorea'o?
Naho ty ana-ondaty, te haoñe'o?
5 Fe nanoe'o ambanevane' o anjelio*,
naho sinabàka'o engeñe naho asiñe.
6 Nampifehè'o aze o tolom-pità'oo;
kila narongo'o ambanem-pandia'e ao,
7 Ze hene añondry naho añombe;
eka, o biby an-kivokeo:
8 O voron-dikerañeo, o fian-driakeo,
ze misoroke o lalan-driakeo.
9 Ry IEHOVÀ, Talè'ay, Oasirity!
ty volonahen-Tahina'o
manitsike ty tane toy.

# 9

*Ho a i Talèn' Tsakera, Sabo' i Davide, ami'ty feo : Ty havilasi' i Ana-dahiy* 1 Rengeko
an-kaliforan-troke rehe r'IEHOVÀ;
ho talilieko iaby o halatsa'oo.
2 Hifaleako naho hirebehako,
ho saboeko i tahina'oy,
ry Andindimoneñe.
3 Ie mimpoly o rafelahikoo,
le mikorovoke vaho mibaibay
añ'atrefa'o ey.
4 Fa nitohañe'o i naseseko mahitiy,
ihe miambesatse am-piambesa'o eo,
mizaka an-kavantañañe.
5 Nendaha'o o kilakila 'ndatio, rinotsa'o o lo-tserekeo;
finaopao'o kitro katroke ty añara' iareo.
6 O ry rafelahio, fa nampigadoñeñe
an-koak'ao kitro katroke;
fa nombota'o o rovao,
fa momoke ty fitiahiañe iareo.
7 Toe am-piambesa'e eo nainai'e t'IEHOVÀ,
fa nihentseña'e ho an-jaka i fiambesa'ey;
8 an-katò ty fizaka'e ty voatse toy,
ho zakae'e an-kahiti'e ondatio.
9 Kijoly abo te amo forekekeñeo t'IEHOVÀ,
fitsolohañe an-tsan-kasotriañe;
10 Hiantok' azo o mahafohiñe
ty tahina'oo,
amy te tsy aforintse'o ze mipay Azo,
ry IEHOVÀ,
11 Misaboa am' IEHOVÀ ry mpimoneñe
e Tsiône ao!

---
* **8:5** Elohim: Andrianañahare, o ndrahareo

tseizo am’ ondatio o fitoloña’eo!
12 Toe ihaoñe’ i Mpamale Fatey; tsy haliño’e ty fikoiaha’ o mpisotrio.
13 Isoho raho, ry IEHOVÀ !
Vazohò ty haoreako am-pità’
o malaiñe ahio;
Ihe Mpañonjoñe ahy boak’ an-
dalam-bein-kavilasy ao,
14 ho talilieko iaby ty enge’o
amo lalam-bei’
i anak-ampela’ i Tsiôneio,
hirebehako o fandrombaha’oo.
15 Nijoroboñe amy koboñe
hinali’iereoy o fifeheañeo;
finandri’ ty harato naeta’iareo
o fandia’iareoo.
16 Fa nampandrendre-batañe t’IEHOVÀ
fa nametsake zaka:
tsepaheñ’ amo satan-taña’eo avao
ty lo-tsereke.

[mahantseñantseñe, Selà]

17 Himpoly mb’an-tsikeokoek’ ao
o tsivokatseo,
ze kilakila’ ondaty mandikok’ an’Andrianañahare.
18 Fe tsy ho haliño nainai’e o rarakeo
vaho tsy ho modo kitro añ’afe’e
ty fisalalà’ o mpisotrio.
19 Miongaha ry IEHOVÀ,
ko anga’o handrekets’ ondatio;
Ho zakaeñe am-pivazohoa’o eo
o fifeheañeo !
20 Apoho am’ iareo ty fangebahebahañe,
ry IEHOVÀ
ampahafohino o kilakila’ndatio
t’ie ondaty avao ! Selà

# 10

1 Akore te Ihe mijohañe añe, ry IEHOVÀ?
Ino ty ietaha’o an-tsan-kasotriañe?
2 Am-pirengevohañe ty añoridaña’
o raty tserekeo o rarakeo;
f’ie tsepahe’ o fikitroha’eo avao.
3 Sengè’ i tsivokatsey o fañirian-tro’eo,
tata’e ty fatitiañe, naho inje’e t’IEHOVÀ.
4 Ty tsivokatse amy fitoeboran-tarehe’ey,
tsy mitsoek’ aze;
ty hoe avao ro fitsakorea’e:
Tsy eo ze o Andrianañahare zao.
5 Miraorao nainai’e o sata’eo;
kanao mitiotiotse ambone,
tsy am-pahaisaha’e eo o fizakà’oo,
le fonga ibohaboha’e o malaiñ’ azeo.
6 Hoe ty aereñeren-tro’e :

Tsy hasiotse raho,
ndra an-tsa an-tsa tsy ho ampoheke ka.
7 Pea hateràñe naho katramo
naho fisenge-hery i falie’ey;
kilily naho haloloañe
ty ambane’ i famele’ey.
8 Itoboha’e o fivoñonañe an-drovao
amo fietahañeo
hamonoa’e ty vantañe;
jilojilovem-pihaino’e
ty tsy amam-pañimba.
9 Ie mitingañe añetak’ ao
hoe liona ami’ty fitsifira’e;
mitampoñe hitsepake ty rarake,
hiambotrak’ ami’ty mpisotry,
hikozozota’e amy harato’ey.
10 Mibotreke re, mifinake;
vaho mikorovok’ amy figorea’ey
i pìtso-pañolotsey.
11 Hoe re an-troke ao :
Fa nandikofan’ Añahare,
fa naeta’e ty lahara’e; tsy ho vazoho’e ka.
12 Miongaha ry IEHOVÀ;
ry Andrianañahare, zonjò ty Fità’o;
ko amoea’o o mpirekeo.
13 Akore te ati’ o tsivokatseo
t’i Andrianañahare,
ie manao an-tro’e ao ty hoe :
Tsy ipaia’e?
14 Toe vazoho’o; eka fa oni’o
ty ampoheke naho ty embetse
le ho valeam-pità’o,
ihe ro iatoa’ ty tsy aman’imba;
vaho mpañimba ty bode-rae.
15 Pozaho ty sira’ o tsivokatseo naho i piaroteñey,
karaofo ty haratia’e ie tsy nilefe tsikaraheñe.
16 Mpanjaka nainai’e t’IEHOVÀ;
fa mongotse an-tane’e eo o fifeheañeo.
17 Ry IEHOVÀ,
fa jinanji’o ty halali’ o tretram-poo;
hafatraro ty arofo’ iareo
atokilaño o ravembia’oo;
18 Hañomea’o to o bode-raeo
naho o forekekeñeo,
tsy hampinevenevera’ ondaty
an-tane atoio ka.

# 11

*Ho a i Talèn-tsakeray, Sabo’ i Davide* 1 Amy IEHOVÀ ao ty fipalirako;
akore ty ivolaña’ areo an-troko ty hoe :
Mivoratsaha hoe voroñe
mb’am-bohi’o mb’eo;

2 Hehe te mampibitsoke fàle
o lo-tserekeo,
le fa ginao' iereo an-taly
o ana-pale'eo,
hahirirì' iereo añ'ieñe ao
mb'amo vantañ'arofoo;
3 Naho rotsake o manàntañeo,
ino ty lefe' o vañoñeo hanoeñe?
4 Añ'anjomba'e miavake ao t'IEHOVÀ,
an-dindìñe ao ty iambesara' IEHOVÀ;
mivazoho o fihaino'eo,
mitsoke o ana' ondatio o vohomaso'eo.
5 Tsohe' IEHOVÀ o vantañeo,
fe heje' ty arofo'e ty lo-tsereke,
naho i piaroteñey.
6 Hampifororoaha'e vaen'afo mirekake
o tsivokatseo;
afo naho ponde vaho tio-mae
ty ho anjaram-pitovi' iareo.
7 Amy te vantañe t'IEHOVÀ;
kokoa'e ty havañonañe
ho isa' o mahitio ty lahara'e.

# 12

*Ho a i Talèn-tsakeray; an-Tali-Valo, Sabo' i Davide* 1 Rombaho, ry IEHOVÀ,
fa tsy eo ondaty matarikeo;
mimosaoñe amo ana' ondatio
o migahiñeo.
2 Hene mifandañitse aman-drañetse
ondatio, reke-tsoñy mitsiriry
naho troke-miroe-rehake.
3 Haitoa' IEHOVÀ
ze hene fivimby mandomboke,
naho ty fameleke mitrè fibohabohàñe,
4 ami'ty hoe: O lela'aio ro handreketa'ay; anay o soñi'aio;
ia ty mpifehe anay?
5 Ty fampisoañañe o rarakeo,
naho ty fitoreova' o mpisotrio,
ty iongahako henaneo, hoe t'IEHOVÀ,
Fa hampipalireko amy isehasehà'ey.
6 Fetse ki'e o fepè' IEHOVÀo,
volafoty nitsoheñe an-toñan-tsini-hara;
nitranaheñe im-pito*.
7 Arovo irezay ry IEHOVÀ,
ambeno ami'ty tariratse toy
nainai'e donia,
8 Mitsapiotsapioke mbeo' mbeo
o tsivokatseo,
naho onjoneñe amo ana' ondatio
ty haloloañe.

---
* **12:6** Sab 18:30, 119:140, Rzs 30:5

# 13

*Ho a i Talèn-tsakera; Sabo' i Davide* 1 Pak' ombia, ry IEHOVÀ?
Ho haliño'o nainai'e hao raho?
Pak'ombia ty hañetaha'o laharañe amako?
2 Sikal'ombia ty hitsakoreako an-troko ao ty haoreako, ie añ'ovako ao lomoñandro?
Ampara' te ombia ty hañonjonañe
ty rafelahikoo ambone ahy?
3 Vazohò, naho toiño raho,
ry IEHOVÀ Andriananañahareko;
hazavao o masokoo;
tsy mone hiroroako ty firoron-kavilasy;
4 Vaho hanao ty hoe i rafelahikoy:
rinebako re; ke hirebeha' o malaiñ' ahikoo t'ie mibolatitse.
5 Fe fiatoako ty figahiñan' arofo'o;
hirebeha' ty troko i fandrombaha'oy.
6 Ho saboeko t'IEHOVÀ,
amy te nampibodobodoe'e.

# 14

1 Ho a i Talèn-tsakera; Sabo' i Davide
Hoe ty mineñe an-tro'e ao:
Tsy eo ze o Andriananañahare zao.
Lo-tsereke irezay, mitoloñe an-kativañe;
leo raike tsy manao soa.
2 Misary o ana' ondatio hirik'an-dikerañ' ao t'IEHOVÀ, hahaoniña'e ke eo ty mahilala mpitsoeke
an' Andriananañahare.
3 Sindre mandifike,
mitrao-kaleorañe;
tsy eo ty manao soa, leo raike.
4 Songa tsy aman-kilala o mpitolon-karatiañeo, o mampibotseke ondatikoo
manahake ty filintseña'e mofo,
vaho tsy mitoka IEHOVÀ.
5 An-gebahebak' ao iereo,
fe amy tariratse vañoñey
t'i Andriananañahare.
6 Ho naoveove' areo ty fikabijà' o rarakeo,
fe fitsoloha'iareo t'IEHOVÀ.
7 Toe hiboake Tsiône ao
ty fandrombaha' Israele !
ie ampitolihe' IEHOVÀ
ty fandrohizañe ondati'eo;
le hirebeke t'Iakobe,
vaho hifale t'Israele !

# 15

*Sabo' i Davide* 1 RyIEHOVÀ, ia ty himoneñe
an-Kivoho'o ao?
Ia ty hañialo am-bohi'o miavake eo?
2 Ty mañavelo an-kavantañañe,
naho mitoloñe an-kavañonañe;

vaho mitaron-to an-tro’e,
3 ty tsy miteratera am-pamele’e,
naho tsy mañinje i rañe’ey,
vaho tsy mifosa ondatio.
4 Mavo am-pihaino’e ty lo-tsereke,
fe iasia’e o mpañeveñe am’ IEHOVÀO;
ie mifanta ndra te mijoy vatañe
vaho tsy ivaliha’e;
5 Tsy mitake ana’e t’ie mampisongo drala, tsy mandrambe vokàñe
haneseke ty vantañe;
le lia’e tsy hitroetroe ty manao zay.

# 16

*Onin-tsabo’ i Davide* 1 Tambozoro raho, ry Andrianañahare,
toe ama’o ty fitsolohako.
2 Ty hoe ty tinaroko am’ IEHOVÀ:
Ihe ro Talèko, zaho tsy aman-kasoa
naho tsy ama’o.
3 O noro’e an-tane atoio:
ie ro talango’e,
toe mampinembanembañe ahiko.
4 Hampitomboeñe ty hasotria’ ze
mihitrike mb’an-tsamposampo’e añe;
tsy hailiko ty engan-dranon-dio’iareo,
le tsy ho rambesen-tsoñiko
o añara’ iareoo.
5 IEHOVÀ ro anjara-lovako
naho ty fitoviko.
Tohañe’o ty navike ho ahiko.
6 An-toetse fanjaka ty nipoha’ o taly
ho ahikoo; Eka, soa i lovakoy.
7 Andriañeko t’IEHOVÀ mpamere ahiko,
ie haleñe, anare’ ty troko.
8 Najadoko aoloko nainai’e t’IEHOVÀ.
Ie ty an-tañako havana eo,
tsy higavingaviñe.
9 Aa le tsy mahay avao ty troko,
vaho mirebeke ty havokarako;
mierañerañe ka ty sandriko,
10 amy te tsy hapo’o an-tsikeokeok’ ao ty fiaiko,
vaho tsy hado’o hahaoni-pihomahañe i Masi’oy.
11 Ampaharofoana’o ahiko
ty lalan-kaveloñe;
lifotse hafaleañe ty añatrefa’o;
haravoravoañe nainai’e
ro am-pitàn-kavana’o.

# 17

*Halali’ i Davide* 1 Janjiño ty fahiti’e, ry IEHOVÀ,
haoño ty fitoreoko,

anoloro ravembia ty halaliko
boak’an-tsoñy tsy amam-pìtake!
2 Ampionjono boak’ añatrefa’o eo
ty añomezan-to ahiko !
Ampivazoho mahity o fihaino’oo !
3 Fa nitsohe’o ty troko,
naho nitilihe’o te haleñe
naho nadiñe’o,
vaho tsy nahavazoho
ty tsy mañeva miakatse am-bavako.
4 Aa ty amo sata’ ondatio,
o tsaram-pivimbi’oo ro nambenako
tsy hombàko ty lala’ o masia-menao.
5 Fa mifahatse amo lala’oo o liakoo, tsy midorasitse o tombokoo,
6 Ho kanjieko rehe, amy te toiñe’o
ry Andrianañahare;
atokilaño mb’amako o
ravembia’oo, janjiño o tarokoo.
7 Aboaho an-kasoa ty fiferenaiña’o,
Le rombaho am-pità’o havana
amo miatreatreo, o mitsolok’ama’oo.
8 Faharo raho hoe te saintem-pihaino’o!
aetaho añalon-talinjon-ela’o ao;
9 ty amo lo-tsereke mamaokeo,
o rafelahiko mpañoho-doza
miarikoboñe ahikoo.
10 Nakiti’ iereo o tro’ iareo vondrakeo;
mivola firengevohañe o vava’ iareoo.
11 Fa sinarokoho’ iareo o lia’aio henaneo;
nikirofeñe maso hametsake anay an-tane eo;
12 Manahake ty liona
milelalela t’ie handrimitse,
hoe liona tora’e mipiapia añ’etak’ ao,
13 Miongaha, ry IEHOVÀ,
atreatréo, goreo ambane!
Hahao amo lo-tserekeo ty fiaiko,
amy fibara’oy,
14 am’ondatio—am-pità’o ry IEHOVÀ—
am’ ondati’ ty tane toio,
fa an-kaveloñe atoy avao ty anjara’e;
ie vontsiñe’o amo vara’oo o fisafoa’eo; henek’ anake iereo; vaho ampandova’ iareo an-tiri’ iareo ty nivokara’ iareo.
15 Naho zaho, ho treako an-kavañonañe ao ty lahara’o; hifale raho te tsekake
mahatrea ty vinta’o.

# 18

*Ho a i Talèn-tsakera. Sabo’ i Davide mpitoro’ IEHOVÀ; nitaroñe’e am’ IEHOVÀ ty onin-tSabo toy amy andro nandrombaha’ IEHOVÀ aze am-pità’ o rafelahi’eo naho am-pità’ i Saole; Hoe re :* 1 Kokoako rehe ry IEHOVÀ, haozarako.
2 Ry lamilamiko, kijoly fipalirako,

naho mpañaha ahiko; r’IEHOVÀ,
ry tseram-bato fitsolohako, fikalan-defoko vaho tsifam-pandrombahañe ahiko,
fitilik’ aboko t’i Andriananñahareko.
3 Kanjieko t’IEHOVÀ, fa mañeva ho rengèñe;
vaho votsotse amo rafelahikoo.
4 Vinandibandi’ o vahen-kavilasio,
le ho nandimpotse ahy
ty fisorotombaha’ i Beliale*;
5 Namolonkoñe ahy
o vaham-pihomahañeo,
niatreatre ahy o fandrin-kavilasio.
6 Nikoike IEHOVÀ t’ie nalovilovy,
nikaik’ imba aman’ Añahareko;
jinanji’e an-kivoho’e ao ty feoko;
vaho niheo añatrefa’e an-dravembia’e,
ty toreoko.
7 Niezeñezeñe vaho nihitikitike
amy zao ty tane;
niozoñozoñe naho nanginikinike
ty faha’ o vohitseo amy fifombo’ey.
8 Niforoake hatoeñe o fiantsona’eo
naho boak’ am-palie’e ao
ty afo nahaforototo,
nahasolebatse ty foroha.
9 Nazè’e ka i likerañey vaho nizotso;
ieñe mangonkòñe
ty tambane’ o fandia’eo.
10 Niningira’e ty kerobe† le nitiliñe;
eka nibiririñe añ’ela’ i tiokey.
11 Nanoe’e fietahañe
ty hamoromoroñañe;
ho kibohotse hañohok’ aze,
ty hangonkòn-drano,
ty rahoñe migoboñe an-dikerañe ey.
12 Niboroboñak’ amo rahoñe milodolodoo ty havandra naho foroha mirekake
amy fireandreañe añatrefa’ey,
13 Nañàmpiñe an-dikerañe ao t’IEHOVÀ,
nampipoña-piarañanañañe
t’i Andindimoneñe;
havandra gadaboñe
naho foroha mirebareba.
14 Nahì’e mb’eo o ana-pàle’eo,
le nampivarakaihe’e;
nampiriaria’e ty helatse
vaho nampivalitsikotahe’e.
15 Niboak’ amy zao o kadahan-dranoo, nikorendake o faha’ ty tane toio,
ami’ty fitrevo’o ry IEHOVÀ,
ami’ty fitorotosi’ ty kofòm-piantsona’o.
16 Nirahe’e boak’añ’abo eñe,
le rinambe’e raho;

---

* **18:4** Beliale: Halò-tserehañe, i mpañinjey † **18:10** kerobe: anjely masiñe zoke’e

sininto’e boak’ an-drano maro.
17 Rinomba’e amy rafelahiko maozatsey,
amo malaiñe ahikoo,
amy t’ie nifatratse te amako.
18 Natretré’ iereo amy andro naha-ampohek’ ahikoy, fe nañolots’ ahiko t’IEHOVÀ.
19 Nampionjone’e mb’an-toetse
mangadagadan-draho,
hinaha’e amy te no’e.
20 Nanambe ahiko ami’ty
havantañako t’IEHOVÀ;
ami’ty halio tañako ro nañavaha’e ahiko.
21 Amy te ambenako o lala’ IEHOVÀo;
vaho tsy mivik’ aman’Añahareko
am-bodongeron-draho.
22 Hene tañatrefako o taro’eo,
le tsy nampisitaheko amako o fañè’eo.
23 Tokan-tro ama’e raho,
vaho milie-batañe tsy hanao sida;
24 Aa le tinambe’ IEHOVÀ amy havañonakoy,
ami’ty falio-tañako am-pivazohoa’e.
25 Ami’ty mitretre
ro iboaha’o ho mpiferenaiñe,
ami’ty vañoñe
ro iboaha’o ho vantañe,
26 ami’ty mikanitsoke
ro iboaha’o ho ki’e.
vaho ami’ty mengoke
ro iboaha’o ho minironiroke.
27 Toe rombahe’o ty tretram-po,
fe arè’o o maso mitahèbokeo.
28 Ihe ro mamiañe ty jiroko,
mampazava o iekoo
ry IEHOVÀ Andrianañahareko.
29 Ihe ro hañoridañako
ty firimboñan-dahin-defoñe;
mahavokon-jolok’ ahy
t’i Andrianañahareko.
30 Aa naho i Andrianañahare!
hiringiri’e ty lala’e‡,
niventeañe§ o fepè’ IEHOVÀo;
Ie ty Mpañaro’ ze hene miato ama’e
31 Ia t’i Andrianañahare
naho tsy IEHOVÀ?
Ia ty lamilamy naho tsy
i Andrianañaharen-tikañey?
32 T’i Andrianañahare mpanìkiñe
ahy an-kaozarañe,
vaho mpamantañe ty liako.
33 Ampanahafe’e amo tombom-panalokeo* o tombokoo,
avotra’e amo haboakoo.

---

‡ **18:30** Sab 12:6, 119:140, Rzs 30:5 § **18:30** am-pitranahañe añ’afo ao * **18:33** hebreo: diera vave’e

34 Aò’e hifandrapake o tañakoo,
mahavohotse fale torisìke o sirakoo.
35 Natolo’o ahy ka
ty fikalan-defom-pandrombaha’o;
naho nanozañe ahy
ty fitàn-kavana’o,
nampionjoñe ahiko
ty hamoran’ arofo’o.
36 Nihalavae’o ty fandingàñako ambaneko eo, fe tsy nidorasitse o tombokoo.
37 Nihoridañeko o rafelahikoo le nahatratse,
tsy himpoly raho naho tsy t’ie fonga rotsake.
38 Ie tinomboko tsy hiongake ka,
nikorovok’ ambane’ tomboko eo.
39 Fa nampidiañe’o amako ty haozarañe hialiako
naho ampiandalie’o amako
o miatreatre ahikoo.
40 Nampitolihe’o amako ty hàto’
o rafelahikoo,
vaho rinotsako o malaiñ’ahikoo.
41 Nikaike iereo,
fe tsy amam-pandrombake—
am’Iehovà, fe tsy tinoi’e.
42 Aa le dinemodemoko ho deboke,
haboelen-tioke iereo,
nariako hoe litsak’ an-dalañe ey.
43 Vinotso’o ami’ty fioliñoliña’ ondatio raho, le nampifehè’o ahy o fifelehañeo;
mitoroñe ahy ondaty nofikoo.
44 Vata’e mahajanjiñe iereo,
le manoiñe ahy.
mitsolofiñe amako o anan-drenetaneo.
45 Minik’ avao o anan’ambahinio,
le mihondrahondra t’ie miakatse
am-pitsifira’e ao.
46 Veloñe t’Iehovà !
Andriaño i lamilamikoy!
onjoneñe t’i Andriananañaharem-
pandrombahañe ahiko,
47 i Andriananañahare mpamale-fate
ho ahiy,
naho mampiandaly ondatio
ambaneko eo,
48 Haha’e amo rafelahikoo raho,
toe onjone’o ambone’
o mpitroatse amakoo,
vaho avotso’o am’ ondaty
mitrotrofiakeo.
49 Aa le handriañeko amo fifeheañeo rehe ry Iehovà;
vaho ho saboeko ty Tahina’o.
50 Ra’elahy ty fandrombahañe
atolo’e amy mpanjaka’ey;
vaho iferenaiña’e i noriza’ey,
i Davide naho i tarira’ey nainai’e donia.

# 19

*Ho a i Talèn-tsakera; Sabo' i Davide* [1] Tseize' i likerañey ty engen'Añahare,
misenge o tolom-pità'eo i lañelañey.
2 Handro an-kandro t'ie midoan-tsaontsy,
haleñ' an-kale te mitaron-kihitse.
3 Tsy aman-dañonañe tsy aman-tsara,
tsy janjiñeñe o fiarañanaña'eo.
4 Fe manitsike ty tane toy o tali' iareoo,
pak'añ'olo-ty voatse toy o talili'eo;
napo'e ama'e ao ty kivoho' i àndroy.
5 Manahak' i mpañenga miakatse i akiba'ey,
mitreñe hoe fanalolahy
miherereake an-day.
6 Hirik'angadon-dikerañ'eñe i fionjona'ey
naho ty fiaria'e pak' añ'olo'eo,
vaho tsy eo ty mahafietake amy hatrovoha'ey.
7 Ki'e t'i Hà' IEHOVÀ,
mañavao ty haveloñe;
to ty taro' IEHOVÀ,
mampahihitse ty sotra;
8 Mahity o fañè' IEHOVÀO, mampirebek' arofo;
hiringiri'e ty fandilia' IEHOVÀ,
mpañazava fihaino;
9 Malio ty fañeveñañe am' IEHOVÀ,
tsy mb'ia ho modo;
vantañe o fizakà' IEHOVÀO
hene mahity;
10 Mahasinda te amo volamenao,
eka ndra volamena maro hiringiri'e;
vaho mamy te amo tantele
naho papi'e miorikeo;
11 mbore hatahatae'e i mpitoro'oy,
ra'elahy ty tambe t'ie oriheñe.
12 Ia ty mahatsikarake o hila'eo?
Liovo amo hakeo mietakeo raho.
13 Afofio amo mpitoro'oo o fisengeañeo,
tsy mone hamehe ahy.
Halio tahiñe amy zao raho,
vaho ho hahañe ami'ty fiolañe losotse.
14 Ho no'o añ'atrefa'o abey
o fivolam-bavakoo,
naho ty fitsakorean-troko
ry IEHOVÀ, lamilamiko*
naho mpijebam-piaiko.

# 20

*Ho a i Talèn-tsakera. Sabo' i Davide*
1 Hanoiñ'azo an-tsan-kasotriañe t'IEHOVÀ,
hañonjoñ' azo ankaboañe ey

---

* **19:14** ndra: haozarako

ty tahinan’ Añahare’ Iakobe.
2 Hañitrifa’e imba
boak’amy toe-miavakey
hanohañ’ azo hirik’e Tsiône ao.
3 Ho tiahi’e o enga-mahakama iabio, vaho hiantofa’e o fisoroña’oo! Selà
4 Hatolots’ azo ze salalan’ arofo’o
le ho henefeñe iaby o ereñere’oo.
5 Ho poñafe’ay rebeke ty fandrombaha’o,
ty tahinan’Añahare’ay
ro añelahelà’ay kobaiñe;
ho henefa’ IEHOVÀ abey o halali’oo.
6 Apotako henaneo,
te ho rombahe’ IEHOVÀ i noriza’ey;
ho toiñe’e boak’ an-dindi’e masiñe ao,
amy haozaram-pandrombaha’
i fitàn-kavana’eiy.
7 Miato an-tsarete o ila’eo,
an-tsoavala ka ty ila’e;
fa ho tiahi’ay ty tahina’ IEHOVÀ
Andriananañahare’ay.
8 Nibokoke iereo naho nikorovoke
mitroatse zahay vaho mijohañe.
9 Rombaho, ry IEHOVÀ;
hanoiñe abey i mpanjakay te kanjie’ay!

# 21

*Ho a i Talèn-tsakeray, Sabo’ i Davide* 1 RyIEHOVÀ, mirebeke
ty haozara’o i mpanjakay;
mandia taroba
amy fandrombaha’oy.
2 Fa natolo’o aze ty naìnañ’ arofo’e,
le tsy nangazoña’o ama’e
o halalin-tsoñi’eo. Selà
3 Salakae’o am-pitahian-tsoa;
apo’o añ’ambone’e eo
ty sabaka volamena ki’e.
4 Nihalalia’e haveloñe, le natolo’o aze,
eka, halava andro kitro añ’afe’e.
5 Mañonjoñe ty enge’e o fandreketa’oo,
nanampeza’o asiñe naho volonahetse.
6 Nampiraoraoe’o nainai’e;
Ampirebehe’o ami’ty hafaleañe
añ’atrefa’o.
7 Iatoa’ i mpanjakay t’IEHOVÀ,
ie tsy ho ronjeronjeñe ty amy
fiferenaiña’ i Andindimoneñey.
8 Ho onim-pità’o ze hene rafelahi’o;
ho takarem-pitàn-kavana’o
o malaiñe azoo.
9 Hampanahafe’o ami’ty toñake
mirekake iereo
an-tsam-piforoforoa’o;

hagodra’ IEHOVÀ an-kaviñerañe,
vaho ho forototoe’ ty afo.
10 Ho mongore’o an-tane atoy
o tarira’ iereoo,
naho o tiri’iareoo amo ana’ondatio.
11 Nikilily raty azo iereo,
nikitroke haratiañe ama’o,
f’ie tsy ho lefe,
12 Hampiambohoe’o iereo
Ampibitsohe’o fale o lahara’eo.
13 Mionjona ry IEHOVÀ an-kaozara’o !
Ho saboe’ay naho ho bangoa’ay
ty hafatrara’o!

# 22

*y Ho a i Talèn-tsakera ami’ty feo : Ty Hirañe* ami’ty manjirik’andro Sabo’ i Davide*
1 Andriananañahareko,
Andriananañahareko,
ino ty namorintseña’o ahiko?
Ihe nitotse ami’ty fañimbàñ’ahy,
amo volam-pitoreovakoo?
2 O Andriananañahareko,
koiheko handro, fe tsy toiñe’o;
haleñe, fe tsy mijanjiñe.
3 Toe masin-dRehe,
imoneña’o ty fandrengea’ Israele.
4 Ama’o ty niatoan-droae’ay;
niantoke iereo, le navotso’o.
5 Nikoaik’ ama’o, le nihahàñe;
niato ama’o, le tsy nisalatse.
6 Oletse raho, fa tsy ondaty;
fosae’ raolombelo, naho mavoe’ ondatio.
7 Mañinje ahy am-piankahafañe
hene mitari-tsoñy ze mahaoniñ’ahy,
vaho mikofikofi-doha, ami’ty hoe:
8 Angao hiatoa’e t’IEHOVÀ!
Ie ro hañaha aze;
apoho hasinta’e kanao noro’e!
9 Fa Ihe ro nañakatse Ahy an-koviñe ao;
naho nampatokisa’o
tam-patroan-dreneko eo.
10 Nafetsak’ ama’o raho te niterake.
Andriananañahareko rehe
tan-kovin-dreneko ao.
11 Ko mitotse amako,
fa antitotse o feh’ ohatseo,
vaho tsy amam-pañolotse.
12 Mañarikatok’ ahiko o añombe-lahio;
o maoza’ i Basaneo ro mañarikoboñ’ ahy.
13 Itañatañа’ iareo vava,
manahake ty fireñetan-diona mañaolo.

* 22: Heb: diera

14 Nadoañe hoe rano raho,
mikalitroke iaby o taolakoo;
fa karafo' tantele ty troko,
mitranak' añ'ovako ao.
15 Mipike hoe tsilam-balàñe-tane
o ozakoo,
mipitek' an-dañilañiko ty lelako;
le nampandrea'o an-debo-kavilasy ao.
16 Miarikoboñe ahy o amboao;
misarokohok' amako
ty kidìm-panao raty;
fa trinofa' iereo o tañakoo
naho o tombokoo.
17 Mahaìake o taolako iabio raho,
sambae' iareo, harefe' iareo.
18 Ifanjarà' iareo o sikikoo,
ifanoe'iereo tsato-piso i sarokoy.
19 F'ihe, ry Iehovà, ko mihak' amako,
ry Mpañimba, malisà hañolots'ahy!
20 Avotsoro amy fibaray ty fiaiko,
ty troko sarotse
ami'ty fisorodidian' amboa.
21 Hahao raho am-bavan-diona!
Toiño ty amo tsifan-drimoo!
22 Ho taroñeko an-drolongoko
ty tahina'o;
ho rengeako añivo' i fivoriy.
23 Ry mpañeveñe am' Iehovào : irengeo !
ry hene' tiri' Iakobeo, ijejò,
irevendreveño, ry afe' Israeleo.
24 Amy te tsy nimavoe'e, tsy nampangorý aze ty hasotria' o misotrio;
naho tsy nañetaha'e laharañe,
vaho jinanji'e t'ie nitoreo.
25 Boak' ama'o ty saboko
am-pivory bey ao;
havahako añatrefa' ze mañeveñ'
ama'o o nifantàkoo.
26 Hikama o rarakeo le ho anjañe;
ho rengè' o mipay azeo t'Iehovà;
ho veloñe nainai'e ty arofo' areo !
27 Songa hahatiahy naho hitolik' am'
Iehovà o olon-taneo,
sindre hitalaho añatrefa'o
ty hasavereña' ze kila' ondaty.
28 A Iehovà i fifeheañey,
Ie ty mpameleke o kilakila ondatio
29 Hikama naho hitalaho
ze hene miraorao an-tane atoy;
fonga hibokok' añatrefa'e
o mizotso mb'an-debokeo;
vaho ze tsy mahatam-beloñe.
30 Hitoroñ' Aze ty tiri'e;

ho talilieñe amy tariratse
manonjohiy i Talè,
31 Homb'eo iereo hitalily ty havantaña'e am'ondaty mbe hasamakeo—
t'ie nahafonitse.

## 23

*Sabo' i Davide* 1 Mpiarak' ahy t'IEHOVÀ,
tsy hieran-draho;
2 Ampandrea'e an-dovoke maindoñe ao,
tehafe'e mb'añ'olon-drano
mipendreñe mb'eo.
3 Vaòe'e ty fiaiko,
iaoloa'e mb'an-dalam-bantañe,
ty amy tahina'ey.
4 Ndra t'ie miranga i vatanen-
talinjon-kavilasiy,
tsy ho hemban-karatiañe
amy te Ihe ro amako;
mpañohò ahiko ty kobai'o
naho ty fitoño'o.
5 Halànkañe'o fandambañañe aoloko añatrefan-drafelahiko eo;
añiliña'o solike ty lohako,
mandopatse ty fitoviko.
6 Toe hañorik' ahy amo hene andro
hivelomakoo ty hasoa naho
ty fiferenaiñañe;
le hitobok' añ'anjomba' IEHOVÀ ao
nainai'e.

## 24

*Sabo' i Davide* 1 A IEHOVÀ ty tane toy naho ty halifora'e, ty voatse toy,
naho o mpimoneñe ama'eo;
2 Fa najado'e ambone' o riakeo,
vaho naore'e am-pisorotombahañe eo.
3 Ia ty hahafitroatse
mb'am-bohi' IEHOVÀ ey?
Ia ty hijohañe an-toe'e miavake ao?
4 Ty amam-pitàñe malio
naho amañ'arofo ki'e,
tsy mañonjoñe ty fiai'e
mb'ami'ty tsy vente'e,
vaho tsy mifanta am-pamañahiañe.
5 Handrambe fitahiañe am' IEHOVÀ re,
naho havantañañe amy Andrianañaharem-pandrombahañe azey.
6 Zay ty tarira' o mipay Azeo,
ie mitsoeke ty lahara'o—
Iakobe 'nio. Selà
7 Ampiandrao o loha' areoo, ry lalambey! Miongaha, ry lalañe haehaeo!
Hiziliha' i Mpanjaka rengeñey.
8 Ia i Mpanjaka rengeñey?

IEHOVÀ maozatse naho fatratse,
IEHOVÀ Lahifihatiy.
9 Ampiandrao o loha' areoo,
ry lalambey !
Eka, miongaha, ry lalañe haehaeo!
Hiziliha' i Mpanjaka rengeñey.
10 Ia i Mpanjaka rengeñey?
IEHOVÀ' i Màroy,
Ie ty Mpanjaka rengeñe. Selà

## 25

*Sabo' i Davide* 1 א Ihe, ry IEHOVÀ !
ro añonjonako fiaiñe.
2 ב O ry Andriananañahareko,
ihe ro fiatoako,
ko anga'o ho salaren-draho; ko apo'o ho giohe' o rafelahikoo.
3 ג Eka ndra ia ia mitamà azo
tsy hiolitsolitse; fe hilolidolitse
o mamañahy tsy aman-dengo'eo.
4 ד Ampahafohino ahy o lala'oo,
ry IEHOVÀ,
anaro ahy o oloñolo'oo.
5 ה Iaolò ami'ty hatò'o, le anaro;
Ihe Andriananañaharem-
Pandrombahañe ahy;
Ihe ro fitamàko lomoñandro.
6 ו Tiahio ry IEHOVÀ ty fiferenaiña'o
naho ty hafatram-pikokokoa'o,
ie fa toe haehae.
7 ז Ko tiahie'o o hakeom-paha-torakoo
naho o fiolàkoo,
fe tiahio ankalèn'arofo'o,
ami'ty hatrentra'o, ry IEHOVÀ,
8 ח Soa naho vantañ'arofo t'IEHOVÀ,
zay ty anoroa'e o manan-tahiñeo
i lalañey.
9 ט Iaoloa'e ami'ty hatò o mpirèkeo, vaho anare'e amo sata'eo ty tretram-po.
10 י Songa fiferenaiñañe
naho figahiñañe o lala' IEHOVÀO,
amo mpiambeñe i fañina'ey
naho o taro'eo.
11 כ Amy tahina'oy, ry IEHOVÀ,
apoho o hakeokoo, fa bey.
12 ל Ia ty' ndaty mañeveñe am'IEHOVÀ?
ho toroa'e ty lalan-tsoa ho joboñe'e.
13 מ Hiaiñ'añ'oleñañe ty fiai'e;
handova i taney o tarira'eo
14 נ Avere' IEHOVÀ o mañeveñe ama'eo;
le ampahafohine'e iareo i fañina'ey.
15 ס Mitolike mb'am' IEHOVÀ
nainai'e o masokoo,

amy te Ie ro mañakats' o tombokoo
ami'ty harato.
16 ע Mitoliha amako le iferenaiño, fa mijorìñe naho misotry.
17 צ Miebotse ty haemberan-troko,
afaho amo hasosorakoo.
18 ק Vazohò ty hasotriako
naho ty falovoloiako;
vaho apoho o hakeokoo.
19 ר Vazoho o rafelahikoo, te maro;
heje' iareo am-palai-mena raho.
20 ש Ambeno o fiaikoo, hahao,
le ko ado'o ho salareñe,
amy te Ihe ro fipalirako.
21 ת Hañaro ahy o havañonañeo
naho o havantañañeo;
fa mitamà Azo raho.
22 פ Jebaño t'Israele,
ry Andrianañahare
amo haembera'e iabio

## 26

*Sabo' i Davide* 1 Meo to raho, ry IEHOVÀ,
fa mitrantràñe ami'ty havañonako;
tsy nifejofejo ty fiatoako am' IEHOVÀ,
vaho tsy hasiotse raho.
2 Biribirio raho ry IEHOVÀ vaho tsoho;
hotsohotsò ty añ'ovako naho an-troko.
3 Aolo' o masokoo ty fiferenaiña'o,
vaho manjotik' amo figahiña'oo raho.
4 Tsy fitraofako toboke o mpamañahio, naho tsy fiharoako fijelanjelañe
o soamiatrekeo.
5 Hejeko ty fifañosoña' o tsivokatseo,
vaho tsy fitraofako toboke
o lo-tserekeo.
6 Hanasa tañañ' an-kalio tahin-draho,
vaho harikohoeko ty kitreli'o ry IEHOVÀ,
7 Ho poñafeko ty feom-pañandriañañe,
ho talilieko iaby o fitoloña'o fanjakao.
8 Ry IEHOVÀ, teako ty fimoneñañe
añ'anjomba'o ao,
naho i kivoho fañialoañ' enge'oy.
9 Ko aharo'o fitontoñe amo
mpanan-kakeoo ty troko,
ndra ty fiaiko am'ondaty mampiori-dioo;
10 o mitan-kilily an-taña'eo,
ie pea vokàñe ty an-taña'e havana ao;
11 Aa naho zaho, hitsontik' an-kalio-tahiko; jebaño,
vaho matariha amako.
12 Mijohañe an-tane mira ty tomboko;
andriañeko am-pivory ao t'IEHOVÀ.

# 27

*Sabo' i Davide* 1 Hazavàko naho fandrombahako t'IEHOVÀ, ia ty ihembañako?
Fipaliram-piaiko t'IEHOVÀ,
ia ty hirevendreveñako?
2 Ie niambotrak' amako o lo-tserekeo hampibotseke o nofokoo;
le nitsikapy vaho nikorovoke
o malaiñ'ahio naho o rafelahikoo.
3 Ndra te hitobe hiatreatre ahy
ty firimboñañe,
tsy ho vorombeloñe ty troko;
ndra te hitroatse amako ty hotakotake, mbe hitam-patokisañe.
4 Raha raike ty nihalalieko am' IEHOVÀ,
zay ty ho paiaeko :
ty hitobohako añ'anjomba' IEHOVÀ ao
ze hene andro ivelomako,
hahatrea ty hasoa-vinta' IEHOVÀ,
vaho hañontàne añ'akiba'e ao.
5 Ampipalira'e an-kijà'e ao t'ie
an-tsam-poheke,
akafi'e am-poreforetan-Kivoho'e ao;
ampitongoa'e andigiligin-damilamy eo.
6 Aa le honjoneñ' ambone' o rafelahiko miariseho ahio ty lohako.
vaho ho banabanako soroñe
an-drebeke mb'an-kivoho'e ao;
ho saboako, eka ho rengèko
an-tsabo t'IEHOVÀ.
7 Janjiño ry IEHOVÀ, naho ikaihako am-peo! Iferenaiño vaho toiño.
8 Nitaroñe'o ami'ty foko ty hoe:
Paiao ty tareheko;
toe ho tsoeheko ty vinta'o, ry IEHOVÀ.
9 Ko aetak' amako ty lahara'o;
ko apo'o an-kaviñerañe ty mpitoro'o,
Ihe mpañolotse ahy ;
le ko aitoa'o, naho ko farie'o
ry Andrianañaharem-
pandrombahañe ahiko.
10 Ndra t'ie nadon-drae naho rene,
ho rambese' IEHOVÀ.
11 Anaro ahy ty lala'o, ry IEHOVÀ
vaho tehafo mb'an-dalañe mira
ty amo rafelahikoo.
12 Ko asese'o an-tsatri'
o malaiñ' ahio;
fa atretréo o mpanara vandeo,
naho o mikofòke hasiahañeo.
13 Hete! atokisako te ho treako
an-tanen-kaveloñe ao
ty hasoa' IEHOVÀ—
14 Itamao t'IEHOVÀ, mihaozara,
le mihafatrara arofo; eka, liñiso t'IEHOVÀ.

## 28

*Sabo' i Davide* 1 Ihe, ry IEHOVÀ ro kanjieko,
ry Lamilamiko, ko mañovok' ahy,
kera, hianjiñe,
le hanahake o mizotso
mb'an-tsikeokeok'aoo raho.
2 Janjiño ty feon-kalaliko
naho itoreovako,
ie añonjonako sirañe
mb'amy anjomba'o miavakey.
3 Ko kororohe'o hitraok' amo
lo-tserekeo, amo mpanao raty
mivolan-kanitsiñe an-drañe'eo,
te mone fikinian-draty ty am-po'e ao.
4 Ondroho mira amo sata'eo,
naho hambañe ami'ty haratia' o fitoloña'eo; eka, avaho mira
amo satan-taña'eo;
valeo ama'e ty mañeva.
5 Amy te tsy haoñe' iareo
o tolon-draha' IEHOVÀo, ndra o fitoloñam-pità'eo.
ho rotsahe'e iereo, le tsy hatroa'e ka.
6 Andriañeñe t'IEHOVÀ,
fa jinanji'e ty feon-kalaliko!
7 IEHOVÀ ro haozarako naho fikalako,
ty fiatoa' ty troko,
toe fa nimbaen-draho,
aa le irebeha' ty troko
vaho rengèko an-tsabo.
8 Haozara'iareo t'IEHOVÀ,
kijolim-pandrombahañe i noriza'ey.
9 Rombaho ondati'oo,
naho ampanintsiño o lova'oo;
Araho iereo vaho otroño nainai'e.

## 29

*Sabo' i Davide* 1 Atoloro am' IEHOVÀ,
ry anam-panalolahy*,
manoloro engeñe naho haozarañe am'IEHOVÀ.
Mañengà volonahetse mañeva i tahina'ey,
mitalahoa am' IEHOVÀ ami'ty hafanjakam-piavahañe.
3 Ambone' o ranoo
ty fiarañanaña' IEHOVÀ,
mangotroke i Andriananañahare rengeñey;
ambone' rano mihenehene t'IEHOVÀ.
4 Maozatse ty fiarañanaña' IEHOVÀ;
lifotse volonahetse
ty fiarañanaña' IEHOVÀ.
5 Mampipozapozake o tezao
ty fiarañanaña' IEHOVÀ,
eka mamatsimpatsike o mendorave'

---

* **29:1** anan'Añahare, ndra firimboñañ' Anjely

i Lebanoneo t'IEHOVÀ.
6 Ampitsamboañe'e hoe tarabao
hoe te anan-drimo t'i Lebanone
naho i Sirione.
7 Mampiriaria lel' afo
ty fiarañanaña' IEHOVÀ.
8 Ampanginikinihe' ty fatram-bey
ty fiarañanaña' IEHOVÀ,
ampihondrahondrae' IEHOVÀ
ty fatrambei' i Kadese.
9 Mampiterake o dierao
ty fiarañanaña' IEHOVÀ,
vaho ampikorendahe'e o alao;
le añ'anjomba'e ao,
songa miredoñe ty hoe : Engeñe!
10 Niambesatse ambone' i fiepoepoañey
t'IEHOVÀ.
eka miambesatse ho
mpanjaka nainai'e t'IEHOVÀ.
11 Ho tolora' IEHOVÀ faozarañe ondati'eo;
ho tolora' IEHOVÀ fañanintsiñe ondati'eo.

# 30

*Sabo; Saboeñe ami'ty Fañorizañe i Anjombay; a i Davide* 1 Honjoneko rehe ry
IEHOVÀ,
ami'ty nañongaha'o ahy, vaho
tsy napo'o hitohàke amako o rafelahikoo.
2 Ry IEHOVÀ, Andrianañahareko, nitoreovako le jinanga'o;
3 Ry IEHOVÀ, naonjo'o boak'
an-tsikeokeok' ao ty fiaiko;
nahatam-beloñe ahy rehe tsy
hizotsoako mb'an-koboñe ao.
4 Sabò t'IEHOVÀ, ry ondaty noro'eo,
andriaño i tahina'e masiñey.
5 Amy te aniany avao ty haviñera'e,
pak'an-kaveloñe heneke ty fañosiha'e;
mete mahaporea' ty maraindray
ty firovetañe,
fe ho tendreke maraiñe ty firebehañe.
6 Le hoe raho, te niraorao :
tsim-bia hasiotse.
7 Ry IEHOVÀ, ty fañisoha'o
ro nampijadoña'o i vohikoy;
ie naeta'o ty lahara'o
le nimarimarike.
8 Ihe ry IEHOVÀ ty nikoihako,
naho i Talè ty nihalaliako;
9 Ino ty tombo'e amo liokoo,
t'ie higodoñe mb'an-koboñe ao?
Hibango Azo hao o debokeo?
Ho talilie'e hao ty figahiña'o?

10 Janjiño ry IEHOVÀ,
le tretrezo raho, ry IEHOVÀ, vaho imbao!
11 Nafote'o ho tsinjake o fandalakoo;
hinalo'o amako o gonikoo, vaho sinaro'o hafaleañe,
12 Soa te hisabo Azo ty engeko
le tsy hitsiñe;
Ry IEHOVÀ, Andrianañahareko,
handriañeko nainai'e.

# 31

*Ho a i Talè; Sabo' i Davide* 1 Ama'o ao, ry IEHOVÀ, ty fitsolohako;
ko apoho ho salaren-ka,
hahao amo havantaña'oo.
2 Atokilaño amako ty ravembia'o, imbao masìka,
t'ie ho lamilamy fipalirako,
kijolim-pandrombahañe ahy.
3 Toe Ihe ro lamilamiko naho kijoliko;
i Tahina'oy ro hanehake naho hiaolo ahy.
4 Akaro amy harato naeta'iareo amakoy,
amy te Ihe ro fitsolohako.
5 Am-pità'o ao ro anolorako troke,
fa nijebañe ahy rehe ry IEHOVÀ,
Andrianañaharen-kavantañañe.
6 Hejeko* o mpañaoñe
ty hakoafan-dRemborakeo;
IEHOVÀ ro iatoako.
7 Hifale naho hirebeke
amo fiferenaiña'oo raho,
fa nihaoñe'o o hasotriakoo;
naho niarofoana'o
ty haferenaiñako,
8 tsy napo'o an-tañan-drafelahiko ao;
fa navotra'o an-tane mangadagadañe
eo o tombokoo.
9 Tretrezo ry IEHOVÀ, fa tokoen-draha;
nabotsem-pihontoke o masokoo,
eka, ty fiaiko naho ty sandriko.
10 Fa nirì-ty hontoke ty fiaiko,
naho ty fiselekaiñañe o taokoo,
milesa ty haozarako ty amo tahikoo,
vaho minike o taolakoo.
11 Toe finjèn-draho ty amo rafelahikoo,
mentsake o mpiharo-tanàñ' amakoo,
fañembañañe o rañekoo,
mibotitsik' amako ze mahaoniñ'ahy
an-dalañe ey.
12 Haliño hoe lolo raho,
tsy amam-betsevetse;
manahake ty karabiba.
13 Tsinanoko ty bisibisi' i màroy,

* **31:6** ndra: Heje'o

harevendreveñañe mb’etia mb’atia,
mikinia ahy,
ikililia’e ty hañè-doza amako.
14 Fe zaho, Ihe ro fiatoako ry IEHOVÀ
hoe raho: Ihe ro Andrianañahareko.
15 Am-pità’o o androkoo;
avotsoro an-taña’ o rafelahikoo,
naho amo mpanao samporerakeo.
16 Ampaviaho amy mpitoro’oy
ty lahara’o;
hahao amo fiferenaiña’oo.
17 Ko apo’o ho salaren-draho ry IEHOVÀ,
fa mikanjy Azo,
fe meñaro o lo tserekeo, ampitsiño an-tsikeokeok’ ao.
18 Hampianjiñeñe
o famelen-dremborake
manotratsotrake o vantañeo
ie mirengevoke naho mañinje.
19 Akore ty harà’ elahin-kasoa’o
nahaja’o ho amo mañeveñ’ama’oo,
ie nitsene’o ho amo mpitsolok’ ama’o
añatrefam-pihaino’ o ana’ondatio!
20 Akafi’o am-pipalirañe añatrefa’o iereo, ami’ty fikililia’ ondatio; ampitsolohe’o an-kivoho ao tsy ho vorehe’ o famelekeo.
21 Andriañeñe t’IEHOVÀ,
fa nilosore’e amako ty fiferenaiña’e,
an-drova niarikatoheñe.
22 Aa naho zaho, hoe raho te niendrake: ho naitoañe aolom-pihaino’o eo.
fe jinanji’o ty fivolan-kalaliko,
te nikaiheko.
23 Kokò t’IEHOVÀ ry noro’e iabio,
arova’ IEHOVÀ o migahiñeo,
vaho avarigidi’e amo mpievoñevoñeo ty avake.
24 Mihaozara naho mihafatrara arofo
ry hene mpitamà IEHOVÀ.

# 32

*Sabo’ i Davide: Fañeretañe* 1 Haha ty nilioven-kakeo,
ty nitakonan-tahiñe.
2 Haha t’indaty tsy anisia’ IEHOVÀ tahiñe,
ie po-pamañahiañe an-tro’e ao.
3 Ie nitsiñe raho, le ninike o taolakoo
ty amo fitoreovako lomoñandroo.
4 Handro an-kaleñe te nivesara’
ty fità’o,
nalongañe hoe hafaòsan’ asara
ty ranom-piaiko. Selà
5 Niantofako ama’o o hakeokoo,
tsy naetako o tahikoo.
hoe raho : Ho solohoeko am’ IEHOVÀ
o fiolàkoo; le napo’o
ty halò-tsere’ o tahikoo. Selà

6 Ie amy zao, songa hihalaly
ama'o o vañoñeo
ami'ty andro hahaoniñañ' Azo,
le tsy hahatakatse aze
ty fisorotombahan-drano bey.
7 Ihe ro fipalirako;
harova'o t'ie am-poheke;
sabom-pañahàñe ty añohoña'o ahy. Selà
8 Hanareko naho ampaharendreheko azo ty lala homba'o;
hitoroako, fa ama'o o masokoo.
9 Ko misare soavala ndra birìke
tsy mahilala, ie tsy mahay tsy fehen-daboridy viñe ty vava'e,
tsy mone tsy harinea'e.
10 Lako fihontoke o lo-tserekeo;
fe ohoñe' ty fiferenaiña'
IEHOVÀ ty miato ama'e.
11 Mifalea am' IEHOVÀ,
mandià-taroba ry vantañeo,
ipoñafo rebeke,
ry vañoñ'arofo iabio.

## 33

1 Mirebeha am'IEHOVÀ, ry vantañeo,
toe mañeva o vañoñeo ty mandrenge.
2 Andriaño ami'ty marovany t'IEHOVÀ,
rengeo an-tsabo, mititiha folo-taly.
3 Isabò sabo vao;
ititiho am-pahimbañañe,
am-pipoñafan-drebeke.
4 Mahity ty tsara' IEHOVÀ,
hene am-pigahiñañe o fitoloña'eo
5 No'e ty havantañañe naho ty hatò:
àtseke ty fiferenaiña' IEHOVÀ' ty tane toy.
6 Ty tsara' IEHOVÀ ro nanoeñe i likerañey;
ty kofom-palie'e i valobohò'ey.
7 Atonto'e am-botry o ranon-driakeo;
ahaja'e an-driha ao o lalekeo.
8 Mirevendreveña am' IEHOVÀ ry tane toy; kila mañeveña ama'e
ry mpimone' ty voatse toy.
9 Tsinara'e le nifonitse; nandily, vaho nijadoñe.
10 Koahe' IEHOVÀ ty fikinia' o fifeheañeo; afofi'e ty fikilila' ondatio;
11 Mijadoñe nainai'e ty famerea' IEHOVÀ, pak'an-tariran-tariratse
o fisafirin' arofo'e.
12 Haha ty fifeheañe naho IEHOVÀ
ro Andrianañahare'e,
ondaty jinobo'e ho lova'eo.
13 Mivazòho boak'
an-dikerañe añe t'IEHOVÀ;
oni'e iaby o ana'ondatio.
14 Jilove'e boak' añ'akiba'e ao
ze hene mpimoneñ' an-tane atoy;

15 I mpitsene ty arofo’ iareo iaby,
sindre aharofoana’e ty fitoloña’e.
16 Tsy ty fitozantoza’ i màroy
ty maharombake i mpanjakay;
tsy i haozara’e ra’elahiy
ty mahavotsotse ty fanalolahy.
17 Tsy jefa’e t’ie miato aman-tsoavalan’aly ho fiarovañe;
tsy ty hara’elahin-kafatrara’e
ty hahafipolitira’e.
18 Inao, te itoliham-pihaino’ IEHOVÀ
o mañeveñe ama’eo,
o mitamà i fiferenaiña’eio,
19 ho votsora’e ty fiai’ iareo tsy hihomake, vaho ho velome’e an-tsan-kerè.
20 Mandiñe IEHOVÀ o tron-tikañeo;
Ie ty mpañimba antika
naho ty fikalan-defon-tika.
21 Ama’e ty firebehan’ arofon-tika,
fiatoan-tika i tahina’e masiñey.
22 Ho ama’ay abey ty fiferenaiña’o
ry IEHOVÀ, fa mpitamà Azo.

# 34

*A i Davide, ie nañova vintañe añatrefa’ i Abimaleka, le nienga kanao rinoa’e.*
*1* Andriañeko an-tsà an-tsà t’IEHOVÀ,
am-bavako ao nainai’e
ty fandrengeañ’ aze.
2 Mirenge am’ IEHOVÀ ty troko;
ie ho janjiñe’ o tretram-poo le hifalea’e.
3 Antao hañonjoñe IEHOVÀ,
hitrao-pibango i Tahina’ey.
4 Nitsoeheko t’IEHOVÀ, le tinoi’e,
fonga nafaha’e amako ty fangebahebako.
5 Niandra ama’e iereo le niloeloe,
tsy ho kolopofen-kameñarañe ka ty tarehe’ iareo.
6 Nitoreo ty rarake,
naho nijanjiñ’ aze t’IEHOVÀ,
vaho rinomba’e amo hasotria’e iabio.
7 Mitobe mañohoke o mpañeveñe ama’eo ty anjeli’ IEHOVÀ, vaho haha’e.
8 Tsopeho vaho mahaisaha
te soa t’IEHOVÀ;
fale t’indaty mitsolok’ ama’e!
9 Mañeveña am’ IEHOVÀ, ry navahe’eo!
amy te tampe-draha irieñe
ze mañeveñ’ ama’e.
10 Mete mililitse vaho mifeake ty kerè
o liona tora’eo;
fe tsy ho po-kasoa o mitsoek’ IEHOVÀo.
11 Mb’etoa, ry anake, tsendreño;
hatoroko anahareo
ty fañeveñañe am’ IEHOVÀ.
12 Ia t’indaty misalala ho veloñe,

naho mpitea andro, hahaisaha’e ty hasoa?
13 Afofio ami’ty raty ty famele’o,
naho o soñi’oo tsy hivolam-pìtake.
14 Iholiaro ty raty, le anò ty soa;
mitsoeha filongoañe—le heaño.
15 Miatreke o vantañeo
ty fihaino’ IEHOVÀ,
naho o fitoreo’eo o ravembia’eo.
16 Atreatrè’ IEHOVÀ an-daharañe
o mpanao ratio;
aitoa’e an-tane atoy
ty fitiahiañe iareo.
17 Mikaike, le mijanjiñe t’IEHOVÀ,
ie haha’e amo hasotriañe iabio.
18 Marine’ ty mikoretse añ’arofo t’IEHOVÀ,
vaho rombahe’e o demok’ an-trok’aoo.
19 Maro ty mañembetse o vañoñeo*,
fe avotso’ IEHOVÀ ama’e iaby.
20 Ambena’e iaby o taola’eo,
leo raike tsy rifotse.
21 Havetra’ ty haratiañe ty lo-tsereke,
vaho hafàtse ze malaiñe o vantañeo.
22 Jebañe’ IEHOVÀ ty fiai’ o mpitoro’eo,
leo raik’ amo mitsolok’ ama’eo
tsy hafàtse.

# 35

*Sabo’ i Davida* 1 Ry IEHOVÀ, atretréo o miatreatre ahio, mialia amo mifandrapak’
amakoo.
2 Andrambeso fikalan-defoñe
naho fikala-meso,
le miongaha hañolotse ahy.
3 Apontsoaño ty lefo’o naho i fekon’ aliy;
hatreatrè’o o mañoridañ’ahikoo
saontsio ami’ty fiaiko ty hoe :
Zaho ro fandrombahañe azo.
4 Salatse naho po-asiñe
o mipay ty fiaikoo;
ampiambohò vaho ampimeñaro
o mikilily hijoy ahikoo.
5 Ano ho kafo’e aolon-tioke eo,
le hatao’ i anjeli’ IEHOVÀy soike.
6 Ano haieñe naho halamañe
ty fombà’ iareo,
horidañe’ i anjeli’ IEHOVÀy.
7 Tsy aman-taly ty nañetaha’iareo harato,
tsy vente’e ty nihalien-koboñe ty fiaiko,
8 Hivovò ama’e abey ty firotsahañe,
le ho tsepahe’ i harato naeta’ey;
vaho amy firotsahañey ty hivarinjonjoha’e.
9 Hirebek’ am’ IEHOVÀ ty fiaiko,

* **34:19** Sab 71:20, Ti II 3:11-12

hirenge amy fandrombaha’ey.
10 Hanao ty hoe iaby o taolakoo:
Ry IEHOVÀ ia ty hambañ’ Ama’o?
Mpandrombake o rarakeo
amy maozatse te ama’ey;
Eka, ty poie’e naho ty mpisotry
amy mpamaok’ azey.
11 Mitroatse o mpitalily tsivokatseo,
mañody ahy an-draha amoeako.
12 Valè’ iereo raty ty soa;
mampioremeñe ty fiaiko.
13 Aa naho zaho, nisaron-gony
te natindry iereo,
nirè-batañ’aman-dilitse,
fe nimpoly an-troko i halalikoy.
14 Nandenako hoe t’ie nirañeko ndra nirahalahiko; nidròdreke an-kontoke manahake te nandala rene.
15 Fe nirebeke iereo t’ie nikoletra, nifañosoñe,
nifanontoñe hiatreatre ahy
o mpamofoke alik’ amakoo,
nandrimitse ahy avao tsy nitroatse;
16 hoe mpiteratera tsi-aman-Kake
an-tsabadidake,
ty ikodrita’ iareo nife;
17 O Talè, pak’ ombia te hisamba avao?
Avotsoro ami’ty fandrotsaha’ iareo ty troko; amo lionao ty fiaiko.
18 Andriañeko am-pivori-bey ao;
mijejo azo am-balobohòk’ ao.
19 Lonike tsy hirebeha’ o rafelahiko tsy amam-poto’eo;
tsy hipie maso amako o malaiñe ahy
tsy aman-tali’eo.
20 Tsy mivolam-pilongoañe iereo,
te mone mikilily volam-pitake
amo mianjiñe an-tane atoio.
21 Eka ivañavaña’ iereo vava
manao ty hoe :
Hiy! Hiy! fa nitrea’ o maso’aio.
22 Nivazoho’o
ry IEHOVÀ, ko mianjiñe;
ry Talè, ko mitòtse amako
23 Mitsekafa, mivañona hañomea’o to ! Imbao i ahikoy ry Andriananañahareko
naho Talèko.
24 Izakao ry IEHOVÀ Andriananañahareko
ty amy havantaña’oy;
le ko apo’o hirebeha’ iereo.
25 Ko ado’o hanoe’e ty hoe
an-troke:
Hiry! ty fañiria’ay! ndra ty hoe :
Fa nabea’ay.
26 Atraofo salareñe naho meñareñe o mitohàk’ amy haemberakoio;
ampisikinen-kameñarañe naho inje

o mirengèvok’ amakoo.
27 Hipoñak’ an-drebeke naho
handia-taroba
o mifale ami’ty halio tahikoo;
hitolom-panao ty hoe:
Onjono t’Iehovà,
ry mpifale amy fanintsiña’ i mpitoro’eiy.
28 Hitaroñe ty havantaña’o ty lelako,
ty enge’o lomoñandro.

# 36

*Ho a i Talè, Sabo’ i Davide, mpitoro’ Iehovà* 1 Mivolañe an-karatiañe an-tro’e ao ty
Tsivokatse. Toe tsy aolo’ o maso’eo ty fañeveñañe aman’ Añahare.
2 Mitsiriry ty vata’e o maso’eo,
ie maharendreke te mavoeñe o sata’eo.
3 Tahiñe naho hakalitahañe
o fivolam-bava’eo;
nado’e ty hihitse tsy anoe’e ty hasoa.
4 Mikitro-karatiañe an-tihi’e eo,
mijohañ’ ami’ty lalañe tsy mahasoa;
tsy rihie’e ty haloloañe.
5 Ry Iehovà, mahatakatse an-dikerañe ao ty fiferenaiña’o,
an-drahoñe eñe ty figahiña’o.
6 Manahake o vohitse ra’elahio
ty havantaña’o, miheotse o fizaka’oo,
ry Iehovà, Hene ambena’o
ndra ondaty ndra biby.
7 Fanjaka ty fiferenaiña’o, ry Andrianañahare !
vaho mipalitse an-talinjon’ela’o ao
o ana’ ondatio;
8 Ie anjañe ami’ty havokara’ o anjomba’oo,
vaho ampikamae’o añ’oñen-karavoravoa’o.
9 Fa ama’o ty rano itsititiahan-kaveloñe;
an-kazavà’o ao ro ahaoniña’ay hazavàñe.
10 Toloño amo mahafohiñ’Azoo
ty fiferenaiña’o;
naho amo vañon-trokeo ty havantaña’o.
11 Ee te tsy homb’amako
ty tombom-pinevonevoke, vaho tsy hanao soik’ ahy ty tañan-do-tsereke.
12 Mifitake ey o mpanao ratio,
naronje ambane, tsy hitroatse ka.

# 37

*Sabo’ i Davide* 1 א Ko embetse amo tsivokatseo,
vaho ko tsikirihe’o o mpanao ratio,
2 F’ie hiforejeje aniany hoe ahetse,
vaho hiheatse hoe rongo-maindoñe.
3 ב Miatoa am’ Iehovà, le anò ty soa;
imoneño i taney
vaho rañeto ty figahiñañe.

4 Mifalea am’ IEHOVÀ; le hatolo’e azo
ty fisalalàn’ arofo’o.
5 ג Ampiatò am’ IEHOVÀ ty fombà’o,
Atokiso, vaho ie ty hitoloñe.
6 Le hampionjone’e hoe hazavàñe
ty havantaña’o,
vaho hoe an-tsipinde-mena
ty havañona’o.
7 ד Manintsiña am’ IEHOVÀ
naho mahaliñisa;
ko ihobira’o ty miraorao an-tsata’e,
t’indaty mitoloñ’ am-pikitrohan-dratio.
8 ה Fario o habosehañeo, naho apoho ty fombo;
ko embetse kera hañosi-karatiañe.
9 Toe haitoañe o tsy vokatseo,
fa handova i taney ze mitamà IEHOVÀ *.
10 ו Aniany le tsy ho eo i lo-tserekey,
ho tsoehe’o i akiba’ey f’ie tsy ho trea.
11 Toe handova i Taney o tretram-poo,
hifale am-piraoraoañe vokatse.
12 ז Kililie’ i lo-tsereke ty vantañe,
vaho ampikodrita’e nife.
13 Iankahafa’ i Talè,
fa arofoana’e te an-titotse ty andro’e.
14 ח Fa napontsoa’ o tsivokatseo
ty fibara,
vaho nampibitsoke fale
hametsaha’e ambane
o rarakeo naho o misotrio,
hañohofa’e loza
amo an-dala mahitio.
15 Hitrofaha’ i fibaray ty tro’ iareo,
vaho ho pekañeñe ty fale’ iareo.
16 ט Hamake ty kedekedek’ anaña’
ty vantañe
ta ty havokara’ o tsivokatse maroo.
17 Toe ho pozaheñe ty sira’ o lo-tserekeo,
fe tohaña’ IEHOVÀ o vañoñeo.
18 י Arofoana’ IEHOVÀ ty andro’
o vantañeo,
tsy ho modo kitro añ’afe’e ty lova’iareo;
19 Tsy ho salatse an-tsan-karatiañe;
le ho anjañe an-tsam-paosa.
20 כ Hikoromake o tsy vokatseo,
le hanahake ty safon’ añondry
o rafelahi’ IEHOVÀo,
ie himosaoñe an-katòeñe,
toe himiañe.
21 ל Misongo i tsivokatsey
fe tsy mañavake;
matarike i vantañey vaho mañomey.

---

* **37:9** Sab 37:11,22,29,34, Mat 5:5

22 Toe handova i taney o tahie’eo,
fe haitoañe añe o afà’eo.
23 מ Ampijadoña’ IEHOVÀ
ty lia’ ondaty, ie no’e i lala’ey.
24 Ndra t’ie mikorovoke
tsy hidaboñe,
fa tohaña’ IEHOVÀ am-pitàñe.
25 נ Nitora’e raho,
fa antetse henaneo,
mboe liako tsy nahatrea te
naforintseñe o vañoñeo,
te nangata-kaneñe o keleia’eo.
26 Matarike lomoñandro re naho
mampisongo, vaho vokatse o tiri’eo.
27 ס Ihankaño ty raty, le anò ty soa,
vaho himoneñe kitro añ’afe’e.
28 Tea’ IEHOVÀ ty hatò,
le tsy ho farie’e o mpañorike i Ha’eio;
soa-fipalitse nainai’e iereo;
fe haitoañe ty tiri’ o lo-tserekeo.
29 ע Handova i taney o vañoñeo, vaho himoneñe nainai’e.
30 פ Mañaka-kihitse ty falie’ o vantañeo,
manao saontsi-to i famele’ey.
31 Añ’arofo’e ao ty Hàn’Añahare’e†,
tsy midorasitse o fandia’eo.
32 צ Tampone’ ty tsivokatse ty vantañe, mipay hañè-doza ama’e.
33 Fe tsy hapo’ IEHOVÀ an-taña’e ao,
vaho tsy hado’e hafàtse an-jaka.
34 ק Itamao t’IEHOVÀ,
naho ambeno i lala’ey,
le honjone’e handova i taney,
vaho ho isa’o ty fañitoañe o tsivokatseo.
35 ר Fa nitreako ty lahiaga, tsivoatsolo,
nandrevake hoe hatae maindoñe
an-tane’e ao;
36 Fe nihelañe añe, le heheke, tsy eo;
pinaiko fa tsy nahatrea.
37 ש Henteo ty vañoñe, hehe i vantañey, ho soa-figadoñe ty mifampilongo.
38 Fe hatrao-karotsake o mpandilatseo
vaho ho tomereñe ty figadoña’
ty lo-tsereke.
39 ת Boak’ am’ IEHOVÀ
ty fandrombahañe o vañoñeo,
Ie ty fitsoloha’ iareo an-tsàm-poheke.
40 Imbàe’ IEHOVÀ naho votsore’e;
haha’e amo tsivokatseo vaho rombahe’e,
amy te Ie ty fipalira’ iareo.

## 38

*Sabo’ i Davide, Tiahy* 1 Ry IEHOVÀ, ko mitrevok’ahy

† **37:31** Its 6:6, Sab 40:8, 119:11, Ies 51:7

ami’ty fifombo’o;
naho ko andilova’o
ami’ty fiforoforoa’o.
2 Fa mitsamantake amako
o ana-pale’oo,
vaho manindry ahy ty fità’o.
3 Tararèñe ty fiaiko te hatorifiha’o, naho po-pijanganañe o taolakoo,
ty amy tahikoy.
4 Fa nalipo’ o hakeokoo ty lohako,
hoe kilankañe mavesatse tsy leoko.
5 Mantiñe naho miborake o ferekoo
ty amy hadagolako.
6 Mihohokohoke raho naho mibokoke,
toe mandala lomoñandro.
7 Lifo-pihobobohañe ty vaniako,
tsy aman-kajangañe ty sandriko.
8 Volevole raho, loho demoke,
miñeoñeoñe ty fioremeñan-troko.
9 O Talè, fonga añatrefa’o eo ty fisalalàko, naho tsy mietak’ ama’o ty fiselekaiñako.
10 Midebodebo ty troko,
milesa ty haozarako;
naho nieng’ahiko ty hazavà’ o masokoo.
11 Ampiesoñe’ i angorosiko
o mpiamakoo naho o rañekoo;
naho mitrobàke ey o longokoo.
12 Nampidreñafe’ o mipay ty fiaikoo fandrike raho,
ikililia’ o mipay hijoy ahikoo,
toe ikinia’e hakalitahañe
lomoñandro.
13 F’ie manahake te giñe,
tsy mahatsanoñe raho,
hoe bobo kanao tsy mahasoka-bava.
14 Eka, manahake ondaty valagìñe,
tsy aman-dietse am-palie.
15 Ihe ry IEHOVÀ ro fisalalàko,
toe hanoiñe rehe ry Talè
Andrianañahareko.
16 Fa inao ty ahy :
Tsy mone hirebeke iareo,
ke hirengevoke te
midorasitse o tombokoo.
17 Toe veka’e hikorovoke raho,
amako lomoñandro ty fanaintaiñako.
18 Toe iantofako o hakeokoo;
naho lifo-kasosorañe ty amo tahikoo.
19 Fe maozatse naho mahasibeke
o rafelahikoo,
maro ty malaiñe ahy tsy vente’e,
20 aa kanao valea’iareo raty ty soa,
heje’ iareo ty fañorihako ty hasoa.
21 Ko mamorintseñ’ ahy ry IEHOVÀ,
ko mitotse amako

ry Andriananañahareko,
22 Malisà hañimb' ahy ry Talè,
Fandrombahañ' ahy.

## 39

*Ho a i Talè, atao Iedotone, Sabo' i Davide* 1 Hoe raho: Hambenako o lalakoo,
tsy mone handilatse an-delako.
hampidiñeko an-daboridy ty vavako
ie añatrefako eo o lo-tserekeo.
2 Nimoañe raho naho nitsiñe,
nijomohòñe, ndra ami'ty soa,
fe nanjeke avao ty halovilovíako.
3 Mitsovovoke ty an-troko ao,
miforehetse i afoy te mitsakore,
vaho hoe ty fivolan-delako :
4 Ry IEHOVÀ, ampandrendreho ahy
ty figadoñako,
naho ty zehe' o androkoo—te ino, ampaharofoano ahy
ty habori' o havelokoo.
5 Hehe te nanoe'o an-jehe o androkoo,
vaho tsy vente ama'o o taokoo;
toe songa hoe kofòke avao
ndra te añoñ'ay t'indaty. Selà
6 Manao firiorion-talinjo ondatio,
tsy vente'e ty fihepakepaha'e,
hampitoabotoàbotse vara,
fe nofi'e ty hangoroñ' aze.
7 Aa inom-bao, ry Talè,
ty liñisako henaneo?
Ama'o ty fitamàko.
8 Hahao amo fonga fiolàkoo,
ko salare'o amo seretseo.
9 Fa mijomohòn-draho
tsy manoka-bava; amy te Ihe ty nanao zay.
10 Afaho amako ty angorosi'o;
tomontoñe raho ty amy fanindriam-pità'oy.
11 Añ'endake ty andilova'o ondatio
ty amo tahi'eo,
momohe'o hoe fizara o fisengea'eo.
Toe songa kofòke avao ondatio.
12 Janjiño o halalikoo ry IEHOVÀ,
vaho toloro ravembia o fitoreoko.
Ko mianjiñe ty amo ranomasokoo,
fa ambahiny ama'o raho, renetane manahak' an-droaeko iaby.
13 Atoliho tsy hisamba'o ahy, hisomilahako, aolo' ty fiengako tsy ho eo ka.

## 40

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide* 1 Nitamàko am-pahaliñisañe t'IEHOVÀ,
le nitokilaña'e, vaho jinanji'e ty fitoreoko.
2 Naaka'e an-koboñe namparikoriko,

naho boak' an-dietse nipaletroke,
vaho nampitongoà'e ambone
lamilamy eo o tombokoo;
le nalaha'e o liakoo.
3 Napo'e am-bavako ao ty sabo vao,
fijejoañe aman'Añaharen-tikañe;
maro ty hahaoniñe le hañeveñe,
vaho hitsolok' am' IEHOVÀ.
4 Haha ty manao IEHOVÀ ho fiatoa'e,
naho tsy mitolike
mb'amo mpirengevokeo,
vaho tsy mitsile mb'an-dremborake.
5 Maro, ry IEHOVÀ Andrianañahareko,
o fitoloña'o fanjàkao,
naho ty fivetsevetse'o anay,
tsy eo ty mañirinkiriñe Azo !
Naho nitaroñeko naho nilañoneko,
mbe mandikoatse ze mete ho talilieñe.
6 Tsy mahafale Azo o soroñeo* naho
o enga-mahakamao;
sinoka'o o sofikoo;
tsy nipaia'o ty engan-kolorañe
ndra ty engan-kakeo.
7 Le hoe raho : Intoy raho, homb'eo,
fa nisokireñe am-boke-pelek' ao;
8 Noko, ry Andrianañahareko,
ty mitoloñe amo satrin'arofo'oo;
eka, an-troko ato o Tsara'oo†.
9 Fa nitaroneko am-pivori-bey ao ty talily soan-kavantañañe;
tsy ho sebañeko o soñikoo,
ry IEHOVÀ, Ihe ro maharofoanañe.
10 Tsy naetako an-troko ao
ty havantaña'o;
fa nitaroñeko ty figahiña'o
naho ty fandrombaha'o;
vaho tsy nakafiko amy fivori-beiy
ty fiferenaiña'o naho ty hatò'o.
11 Ry IEHOVÀ ko hazoñeñ' amako
ty fitretreza'o;
añaro ahy nainai'e ty fiferenaiña'o
naho ty hatò'o.
12 Miarikoboñe ahy ty haratiañe tsifotofoto; miambotrak' amako o hakeokoo,
le tsy mahafiandra,
ie maro te amo volon-dohakoo,
vaho milesa ty troko.
13 Ho no'o abey ry IEHOVÀ ty hamotsotse ahy;
malisà ry IEHOVÀ hañolotse ahy,
14 Le aharò salareñe naho meñareñe
o mipay ty fiaiko hasintake;
ampiamboho vaho injeo

* 40:6 Heb 10:5-6 † 40:8 Sab 37:31, 119:11, Ies 51:7, Heb 10:7-9

o te hijoy ahio.
15 Ehe ampidabao an-kenatse
ze manao amako ty hoe: Hiy! Hiy!
16 Hirebeke naho hifale ze mipay Azo,
vaho hitolon-kanao ty hoe
o mpitea i fandrombaha'oio:
Onjoneñe t'IEHOVÀ.
17 Aa kanao rarake naho misotry raho,
ee t'ie ho vetsevetse' i Talè;
Ihe ro mpañimba naho mpañaha ahy,
ry Andrianañahareko; ko mihenekeneke.

## 41

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide* 1 Haha ty mañaoñe o rarakeo;
ie ho votsore' IEHOVÀ an-tsan-kankàñe.
2 Harova'IEHOVÀ le ho tana'e veloñe naho hatao'e haha amy taney eo,
naho tsy apo'e an-tsatrin-tron-drafelahy
3 Ho tohaña' IEHOVÀ amy tihy tindria'ey;
hafote'o ho jangan-dre am-pandream-pisilofa'e eo.
4 Aa naho zaho, hoe ty asako: ry IEHOVÀ,
Atariho, jangaño ty fiaiko, fa nandilarako.
5 Manambaitambaiñ' ahy o rafelahikoo: ombia t'ie hikoromake,
hihomaha' i añara'ey?
6 Ie mitilik' ahy,
manao rehan-dremborake;
mangoroñe hakeo ama'e ty tro'e;
ie miavotse, volañe'e.
7 Ivesovesoa' o malaiñe ahy iabio,
mikilily joy, ami'ty hoe:
8 Mipitek' ama'e ty bilokan-kokolampa;
kanao mitsilañe re, tsy hitroatse ka.
9 Eka, ndra i rañeko nianteherakoy,
i nikama i hanekoiy,
fa nañonjo tomitse amako.
10 F'Ihe ry IEHOVÀ, iferenaiño,
vaho atroaro hamaleako iareo.
11 Zao ty aharendrehako te no'o,
t'ie tsy irohafa' o rafelahikoo.
12 Naho izaho, tozañe'o ami'ty havañonako,
naho ampañatrefe'o laharañe amako nainai'e.
13 Andriañeñe t'IEHOVÀ
Andrianañahare'Israele,
haehae vaho nainai'e donia. Amena naho Amena.

# Fange Faha II

*Sabo 42 - 72*

## 42

*Ho a i Talè, Fañereñere' o Ana' i Korao* 1 Manahake ty fisehasehàn-temboay
an-torahañe mitsiritsioke
ty fisañasañan-troko ama'o
ry Andrianañahare.

2 Iheaheàn-troko t'i Andrianañahare,
i Andrianañahare veloñey;
ombia ty hombako hiheo mb'añatrefan'Añahare mb'eo?
3 Filintsako handro an-kale,
o ranomasokoo,
ie kizaheñe lomoñandro, ami'ty hoe :
Aia ze o Andrianañahare'o zao?
4 Tiahiko o raha zao,
le haborako ty an-troko ao,
ie nindrezako lia i màroy,
ninday iareo nangovovoke
mb'añ'anjomban' Añahare mb'eo,
am-peom-pirebehañe
naho fandrengeañe,
i lahialeñe mitañ'andro nifotoañeñey
5 Ino ty ilonjera'o ry fiaiko?
ino ty ikoreokoreoha'o añ'ovako ao?
Mitama an'Andrianañahare;
fa mbe ho andriañe'o,
ty fandrombahañe añ'atrefa'o.
6 Ry Andrianañahareko,
Mitsilofìñe añ'ovako ao ty troko,
tiahiko rehe boak' an-tane Iordane* ao,
naho an-dengo' i Kermone† eñe,
hirik'am-bohi-Mitsarey‡ añe.
7 Tokave' i lalekey ty laleke
ami'ty fitroña' o kinera'eo.
songa mandipotse ahy
o onja naho ren-drano'oo.
8 Hafanto' IEHOVÀ an-kandro
ty fiferenaiña'e,
le amako an-kaleñe i sabo'ey,
ty halaliko aman' Añaharen-kaveloko.
9 Hoe raho aman' Añahare lamilamiko:
Akore ty nandikofa'o ahiko?
Ino ty andalàko ty famorekekèan-
drafelahy?
10 Hoe fañotohotoañe ty an-taolako ao,
ty fiteraterà' o rafelahikoo;
ie anoa'e ty hoe lomoñandro,
Aia ze o Andrianañahare'o zao?
11 Ino ty ilonjera'o, ty troko tia?
Ino ty fivalitsikotahañe añ'ovako ao?
Mitamà an'Andrianañahare;
fa mbe handriañe'o
i fandrombahan-tareheko
naho Andrianañaharekoy.

## 43

1 Meo to, ry Andrianañahare,

* **42:6** Iordane: sakam-pizakàñe † **42:6** Kermone: natokañe ho rotsaheñe ‡ **42:6** Mitsare: kedeke

mañalañalaña ho ahy
amy fifeheañe tsy aman-Kàkey;
hahao am'ondaty mamañahy
naho mengokeo.
2 Ihe ro Andrianañaharen-kaozarako;
Ino ty nifaria'o ahiko?
Ino ty ibokobokoako am-pigoboñañe ao
ie forekeken-drafelahy?
3 Ahitrifo ty hazavà'o naho ty hatò'o,
hiaolo, hanese ahy mb'amy
vohi'o miavakey mb'eo,
vaho mb'an-kivoho'o mb'eo.
4 Le homb'an-kitrelin' Añahare mb'eo,
mb'aman'Añahare
mampinembanembañ' ahy,
vaho ho saboeko ami'ty marovany,
t'i Abo-Tia, Andrianañahareko.
5 Ino ty mahalonjetse azo ty fiaiko tia?
inoñe ty angoihoia'o amako ao?
Mitamà an'Andriaenañahare;
fa mbe handriañeko,
i fandrombaham-piatrefako
naho Andrianañaharekoy.

## 44

*Ho a i Talèn-tsabo,*

*Sabo o ana' i Korao : Itsakoreañe* 1 Ry Andrianañahare,
fa jinanjin-dravembia'ay, fa natalilin-droae'ay o fitoloñañe nanoe'o
tañ' andro' iereoo,
amo andro faha' matoetoeo.
2 Ie am-pità'o ty nandroake
o fifeheañeo le najado'o eo ;
dinemo'o ondatio, vaho naparatsia'o.
3 Tsy ty fibara' iareo ty nahazoañe i taney;
le tsy o fità' iareoo ty naharombake,
fa ty fità'o havana naho ty sira'o,
vaho ty hazavan-dahara'o
amy t'ie nisohe'o.
4 Mpanjakako rehe, ry Andrianañahare;
lilio fandrombahañe t'Iakobe.
5 Ihe ro igorea'ay o rafelahi'aio;
ty tahina'o ty andialià'ay o mitroatse hiatreatre anaio.
6 Tsy iatoako ty faleko,
tsy maharombak' ahy ty fibarako.
7 Fa Ihe ro nandrombak' anay
amo rafelahi'aio,
naho nanalatse o malaiñe anaio.
8 I Andrianañahare ro
firengea'ay lomoñandro,
vaho andriañe'ay nainai'e ty tahina'o. Selà
9 F'ie nifarie'o henaneo,

naho ninje’o;
tsy indreze’o fionjonañe o lahindefo’aio.
10 Ampiambohoe’o amo rafelahi’aio,
vaho mamaok’ an-tsatri’e avao
o malaiñe anaio,
11 Fa natolo’o ho añondry kamaeñe,
vaho nampivarakaihe’o amo fifeheañeo.
12 Naleta’o ami’ty minjilite’e ondati’oo,
tsy nahazoan-tombo’e t’ie naletake.
13 Nampañinje’o o mpifankarineo, fanivetiveañe naho fandrabioñañe
amo mañohok’ anaio.
14 Anoe’o oha-drehake o fifeheañeo,
fikoliñan-doha am’ondatio.
15 Fañinjeañe lomoñandro ty aoloko eo,
vaho nampikolopok’ ahy
ty hameñaran-tareheko,
16 ami’ty fivola’ o mikobìke
naho mamàtseo;
ty amy fiatrefan-drafelahiy
vaho i mpamale-fatey.
17 Toe hene nifetsak’ ama’ay,
f’ie tsy nañaliño Azo,
vaho tsy nivalik’ amy fañina’oy.
18 Toe tsy niamboho Azo o arofo’aio,
vaho tsy niveve amy lala’oy o fandia’aio,
19 f’ie dinemo’o an-toem-panalok’ eo, vaho kinolopo’o an-talinjon-kavilasy.
20 Aa naho nandikofa’ay
ty tahinan’Añahare’ay,
ke namela-pitàñe aman-drahare
ankafankafa;
21 Tsy ho nitsikarahen’ Añahare hao?
Kanao arofoana’e ze mikafitse an-trok’ao.
22 Eka, Ihe ro anjamanañe anay
handro am-pohatse;
volilieñe hoe añondry ho lentañe.
23 Mivañona, ry Talè, Ino ty irota’o?
Mitsekafa, ko farie’o
kitro katroke zahay.
24 Akore ty ampietaha’o laharañe,
naho añaliñoa’o ty hasotria’ay
vaho ty halovilovia’ay?
25 Fa mibokok’ an-debok’ ao ty fiai’ay;
mipitek’ an-tane eo ty fisafoa’ay.
26 Miongaha hañolotse anay, vaho jebaño ty amy fiferenaiña’oy.

# 45

*Ho a i Talè: ty amy talifokey; Sabo’ o ana’ i Korao, Fanoroa, Sabom-Pikokoañe*
*1* Andipore’ ty troko i talily soay:
Hoe raho: I mpanjakay ro fitoloñako;
fisokim-panokitse mahimbañe ty lelako.
2 Tsomerentsereñe ta o ana’ondatio n’Iheo; idoañam-pañisohañe

o fivimbi’oo,
aa le nitahien’Añahare kitro añ’afe’e.
3 Adiaño an-toha’o ty fibara’o,
ry Fanalolahy,
ty enge’o naho volonahe’o.
4 Mionjona am-pandreketañe
am-bolonahe’o, hañonjonañe ty hatò
naho ty halèn-arofo,
vaho ty havantañañe;
le hañoke azo an-draha mampañeveñe
ty fità’o havana.
5 Masioñe ty ana-pale’o añ’arofon-drafelahi’ i mpanjakay ao—mihotrakotrak’ am-bane’o
ondatio;
6 Nainai’e donia, ry Andriananañahare,
ty fiambesa’o;
kobain-kavantañañe
ty kobaim-pifehea’o.
7 Fitea’o ty havañonañe,
falai’o ty hatsivokarañe*;
aa le nañory azo t’i Andriananañahare, Andriananañahare’o,
an-tsolim-pirebehañe
ambone’ o rañe’oo.
8 Ze hene saro’o ro tsotse naho emboke vaho mañidè!
marovany boak’ amo anjomba nitemereñe nifem-bibio ro ifalea’o.
9 Anak’ampelam-panjaka
ro amo noro’oo;
mijohañe am-pitàn-kavana’o eo
ty tañanjomba’o am-bolamena
ki’ i Ofire.
10 Mitsendreña ry anak’ampela,
Inao! atokilaño ty sofi’o,
andikofo o rofoko’oo,
naho ty anjomban-drae’o.
11 Mahasinda i mpanjakay
ty hamontramontra’o;
iambaneo kanao talè’o.
12 Hibanabana ama’e
ty anak’ ampela’ i Tsore,
Hipay fañisoahañ’ ama’e o mpañaleale am’ondatio.
13 Fanjàka añ’anjomba ao
ty anak’ampela’ i mpanjakay,
vinahotse am-bolamena o saro’eo.
14 Ho roroteñe mb’amy mpanjakay mb’eo
an-tsaroñe soa vinahotse,
hasese ama’o rekets’ o somondrara
mpiama’e mpañotroñe azeo.
15 Amañ’ehake naho an-drebeke
ro aneseañe iareo; ie ampiziliheñe añ’anjomba’ i mpanjakay.
16 Handimbe’an-droae’o o ana-dahi’oo;
horiza’o ho mpiaolo’ i tane iabiy iereo.

* **45:7** Heb 1:8-9

17 Hampitiahieko ze hene tariratse
ty tahina'o,
hañandriañe azo nainai'e donia ondatio.

# 46

*Ho a i Talè, Sabo o ana' i Korao, saboen' Ampela* 1 Fitsolohañe naho haozaran-tika
t'i Andrianañahare,
Mpañolotse t'ie ampoheke tendrek' aniany.
2 Aa le tsy ho hemban-tika
ndra te migorobañe ty tane,
ndra midorasitse mb'am-po'
i riakey o vohitseo.
3 Ndra te mitroñe
naho mamore i riakey,
ndra te miezeñezeñe amy fitoabora'
o alo'eo o vohitseo. Selà
4 Eo ty oñe mahafale ty rovan' añahare
amo fitsiritsioha'eo,
ty kivoho masi' i Andindimoneñey.
5 Añivo'e ao t'i Andrianañahare,
le tsy hasiotse;
hañimb'aze t'i Andrianañahare
te manjirik'andro.
6 Nidabadoa o kilakila ondatio,
niozoñozoñe o fifeheañeo;
nipazake i fiarañanaña'ey,
nitranake ty tane.
7 Aman-tika t'IEHOVÀ' i Màroy;
fipaliran-tika t'i Andrianañahare' Iakobe.
8 Mb'etoa, mahaoniña
o tolon-draha' IEHOVÀO,
o raha mampangebahebake
nanoe'e an-tane atoio.
9 Ampitsiñe'e sikal'añ'olo-tane añe o alio;
peñapeñafe'e o faleo, pozahe'e o lefoñeo,
sodora'e añ'afo o sareten-tafikeo.
10 Mijihera, vaho mahafohina te
zaho ro Andrianañahare;
onjoneñe amo fifeheañeo raho,
izonjonañe an-tane atoy !
11 Aman-tika t'IEHOVÀ' i Màroy;
fipaliran-tika t'i Andrianañahare'
Iakobe. Selà

# 47

*Ho a i Talè, Sabo' o ana' i Korao* 1 Mitehafa fitañe, ry hene ondatio;
poñafo aman'Añahare
ty fiarañanañam-pirebehañe.
2 Mampañeveñe t'IEHOVÀ
andindimoneñe ey,
ie mpanjaka jabahina' ty tane toy.
3 Ampiambane'e aman-tika ondatio,

ze kilakila ondaty
ambanem-pandian-tikañ’ ao.
4 Ie i nijoboñe lova ho antikañey,
ty firengea’ Iakobe kokoa’ey. Selà
5 Nionjoñe am-pipoñafam-pitreñañe
t’i Andrianañahare;
ami’ty fivolan’antsiva t’IEHOVÀ.
6 Takasio t’i Andrianañahare, isabo;
takasio i mpanjakan-tikañey, isabo.
7 I Andrianañahare ro mpanjaka’
ty tane toy;
mitakasia an-tsabo soa arake.
8 Fehen’ Andrianañahare o fifeheañeo;
miambesatse am-piambesa’e masiñe
eo t’i Andrianañahare.
9 Mifanontoñe o roandria’ ondatio;
ondatin’ Andrianañahare’ i Avrahameo
fa an’Andrianañahare
o fikalan-defo’ ty tane toio;
ie onjoneñ’ an-tiotiotse ey.

# 48

*Takasy; Sabo’ o ana’ i Korao* 1 Jabahinake t’IEHOVÀ,
vaho rengeñe mb’añ’abo;
an-drovan’ Añaharen-tikañe,
i vohi’e miavakey.
2 Fanjàka an-toe’e eo,
ty hafalea’ ty tane toy,
ty vohi’ i Tsiône añ’ila’e avaratse ey,
ty rova’ i Mpanjaka hinakinakey.
3 I Andrianañahare an-kijoli’ey,
ty nampandrèndreke t’ie ro fipalirañe.
4 Hehe, nifanontoñe o mpanjakao,
nitrao-pionjoñe mb’etoañe,
5 Nioni’ iereo; le nilatsa; nangetraketrake, vaho nitriban-day.
6 Namihiñe iareo ty fihondrahondra,
ninivonivotse hoe ampela mitsongo.
7 I tiok’ atiñanañey ty ampivaletrahe’o
o lakam-bein-Tarsiseo.
8 Hambañe amy jinanjin-tikañey
ty nionin-tika
an-drova’ IEHOVÀ’ i Màroy,
an-drovan’ Añaharentikañe ao;
ee t’ie hajadon’ Añahare tsy ho modo
nainai’ey. Selà
9 Nitsakorea’ay ty fiferenaiña’o
ry Andrianañahare
añivo’ i anjomba’o miavakey.
10 Manahake i tahina’oy
ry Andrianañahare,
ty fandrengeañe Azo,

pak' añ'olo' ty tane toy;
lifo-kavantañañe ty fità'o havana.
11 Ampifaleo i vohitse Tsiôney,
ampirebeho o anak' ampela' Iehodào
ty amo fizakà'oo.
12 Mañariaria amy Tsiône,
ikariokarioho, volilio o fitilik-abo'eo,
13 Hehe o kijoli'eo,
rangao o fitalakesañ'abo'eo;
hahatalilia'o i tariratse mandimbey.
14 Zay t'i Andriananañahare,
Andriananañaharen-tikañey, nainai'e donia.
Ie ty hiaolo antikañe pak'an-kavilasy.

# 49

*Ho a i Talè, Sabo' o Ana' i Korao* 1 Janjiño zao, ry kilakila ondatio;
manokilaña ravembia,
ze hene mpimone' ty tane toy;
2 Ty ambane naho ty ambone,
ty mpañaleale miharo ami'ty rarake.
3 Hivolan-kihitse ty vavako,
vaho ho ereñeren-troko ty hilala.
4 Hatokilako mb'am-pandrazañan-drehake ty sofiko.
ho ventareko an-dokanga
ty tafatòñoko,
5 Ino ty hahahembañ' ahiko
an-tsan-kankàñe,
ie miarikoboñe ahy ty hatsivokara'
o mpañonjo-tomitse amakoo,
6 o mpiato amo fanaña'eoo,
vaho mirengevok' ami'ty habei' o vara'eo?
7 Leo ondaty raike, ndra manao akore, tsy hahavoavily ty ain-dongo'e, ndra hibanabana jebañe
aman'Añahare ho aze—
8 Loho sarotse ty vilin' ai'e,
tsy mete tsy hadoke kitro katroke:
9 —t'ie ho veloñe nainai'e,
tsy hahaoniñ' i koboñey,
10 ie oni'e te mihomake o mahihitseo;
songa mikenkañe ty minè naho i dagola,
vaho apo'e amo ila'eo ty vara'e.
11 Ty fitsakorean-tro' iareo t'ie tsy ho modo o akiba'eo,
naho ty fimoneña' iareo
mb'an-tariratse iaby kitro añ'afe'e,
ie atao'e amy añara'ey i tane'ey.
12 Toe tsy mahatan-ty asi'e ondatio;
le manahake o bibio t'ie mate.
13 Zay ty fombà' o sèretseo,
naho o mandimbe iareoo,
ze miantoke ty enta' iareoo. Selà

14 Hoe añondry iereo
tinendry ho mb’an-kibory ao,
ho mpiara’iareo ty havilasy;
ho fehe’ o vañoñeo te maraindray;
ho a’ i tsikeokeokey ty vinta’ iareo
hihomak’ ao, tsy hanaña’ iareo akiba ka.
15 Fe ho jebañen’ Añahare
ami’ty haozara’ o kiborio ty fiaiko,
le ho rambese’e. Selà
16 Ko hemban-drehe naho mihamaro ty vara’ ondaty,
naho mitombo ty enge’ i anjomba’ey;
17 F’ie mihomake, tsy eo ty hendese’e.
tsy hañorik’ aze higodañe ao ty enge’e.
18 Eka! nitata’e
ty fiai’e te niveloñe:
Nitsiririeñe t’ie niraorao.
19 Homb’am-pimoneñan-droae’e ao re;
tsy ho isa’e ka ty hazavàñe.
20 T’indaty iasiañe, mete tsy maharendreke t’ie, manahake o bibio, hihomake.

# 50

*Sabo’ i Asafe* 1 Nitsara t’Iehovà Andrianañahare
Tsitongerè, nikoike ty tane toy
boak’ am-panjiriha’ i àndroy
sikal’ am-pitsofora’e añe.
2 Hirik’e Tsiône ao,
ty hafoniran-kamotsotsoreñe,
ty fireandreañan’ Añahare.
3 Mb’ etoy i Andrianañaharen-tikañey,
ie tsy hianjiñe;
mamorototo aolo’e ty afo,
iarisehoa’ ty tangololahy.
4 Kanjie’e mb’andikerañe añ’abo eñe,
naho mb’an-tane atoy
hizaka’e ondati’eo:
5 Atontono amako o norokoo, o nifañina amako an-tsoroñeo.
6 Mitsey ty havantaña’e o likerañeo;
amy te Ie ro Andrianañahare,
Ie ty Mpizaka. Selà
7 Mijanjiña ry ondatiko,
le hivolan-dRaho;
Ry Israeleo, hisesehako,
Zaho ro Andrianañahare, Andrianañahare’o.
8 Tsy o fisoroña’oo ro añendahako azo,
ie añatrefako eo nainai’e
o enga fañoroa’oo.
9 Tsy ho rambeseko boak’añ’akiba’o ao
ty añombelahy,
ndra hirik’an-golobo’o ao ty oselahy.
10 Amy te hene ahiko ze biby añ’ala ao,
naho ty añombe am-bohits’ arivo.

11 Haiko iaby o voroñe am-bohitseo,
Fonga ahiko ze misitsitse an-kivok’ ao.
12 Naho nikerè Raho, tsy ho nivolañe,
amy te Ahiko ty voatse toy,
naho ty halifora’e.
13 Hihinañako hao ty nofo’ o añombeo?
hinomako hao ty lio’ o oselahio?
14 Engao aman’ Añahare
ty sorom-pañandriañañe,
naho avaho amy Andindimoneñey
o nifantà’oo.
15 Le koiho Raho añ’andro
maha-an-koheke;
ho hahako rehe, vaho hiasia’o.
16 Fa hoe t’i Andrianañahare
amo tsivokatseo
Ino ty anoñona’o o fandiliakoo?
vaho endese’o am-bava’o ao i fañinakoy?
17 Inao t’ie malain-dilo,
naho afetsa’o amboho’o ao o entakoo.
18 Ie manjo-mpikizo rehe, le no’o,
vaho ireketa’o o karapiloo.
19 Avotso’o an-kaloloañe ty falie’o,
vaho mikilily fitake ty famele’o.
20 Mitoboke rehe vaho mifosa rahalahy;
dramote’o ty anan-drene’o.
21 Ie anoe’o zay, hijomohoñe hao Raho?
natao’o ho hambañe ama’o hao,
toe endahako,
vaho alahako añatrefam-pihaino’o eo
o entako ty ama’oo.
22 Aa le ereñereo zao,
ry mpandikok’ an’Andrianañahareo
kera ho rangodrangoteko,
ihe tsy amam-pañaha.
23 Mañonjoñ’ Ahy ty mañenga
sorom-pañandriañañe;
vaho hampalangeseko
amy mamantañe i fañaveloa’eiy
ty fandrombahan’ Añahare.

# 51

*Ho a i Talè: Sabo’ i Davide, ami’ty fitiliha’ i Natana mpitoky, ie fa niolots’ amy Bat’sebae.* 1 Ry Andrianañahare,
matariha amy hafatraram-pikokoa’o, faopaoho o fiolàkoo amo hara’elahim-piferenaiña’oo,
2 Kotriño hitoratsike amo tahikoo,
liovo amo fandilarakoo.
3 Apotako o fiolàkoo:
vaho miatrek’ ahy nainai’e o hakeokoo.
4 Ama’o, le ama’o avao ty nandilarako;

naho nanao hatsivokarañe
am-pivazohoa'o;
soa te ho rendreke to t'ie mitsara,
vaho vantañe te mizaka.
5 Toe naterak' an-kakeo raho,
naho an-tahiñe t'ie niareñan-drene.
6 Inao, mipay hatò añ'ova ao rehe,
aa le ampandrendreho hìhitse
mietake raho.
7 Efero an-tseva* raho, hikotritriake;
ampandrò ho foty matsatsaoke
te amo volovasoo†.
8 Ampitsanoño firebehañe
naho hafalean-draho;
soa te hiankahake o taolañe dinemo'oo.
9 Aetaho amo tahikoo ty lahara'o,
ehe fonga forò o hakeokoo.
10 Itseneo fo vao ry Andrianañahare;
le vaò añ'ovako ao ty troke migahiñe.
11 Ko ahifike tsy ho añatrefa'o eo raho,
le ko apitsok' amako i Arofo'o Masiñey.
12 Ampolio amako ty hafalea'
i fandrombaha'oy,
itohano ho aman-troke mahimbañe.
13 Le hampahafohineko
o aman-kakeoo o lala'oo,
hampioliañe o mpanan-tahiñeo.
14 Hahao ami'ty lio-màlin-draho,
ry Andrianañahare, Andrianañaharem-
pandrombahañ' ahikoy;
le ho saboen-delako o havantaña'oo.
15 O Talè, sokafo o soñikoo
hitaroñam-bavako ty fandrengeañ' Azo
16 Toe tsy mahafale Azo o soroñeo,
fa ho nibanabanaeko;
tsy no'o o soroñe oroañeo.
17 Ty soron' Añahare, le troke mihoto;
tsy ho sirikae'o ry Andrianañahare,
ty arofo rofotse naho mikoretse.
18 Hasoao i Tsiône ami'ty fatariha'o;
atroaro o kijoli' Ierosalaimeo.
19 Izay vaho ho no'o
o sorom-bantañeo:
o soroñe oroañeo naho soroñ' añoñeo;
le hengaeñe bania ambone' i kitreli'oy.

## 52

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide, naho niheo mb'amy Saole t'i Doege nte Edome, nitalily te noly añ'anjomba' i Ahimeleke t'i Davide.* 1 O Fanalolahio, ino ty firoharohà'o
hatsivokarañe?
Lomoñandro ty fiferenaiñan' Añahare.

---

* **51:7** Hysopa: rongoñe famitsen-dio: Avo 12.22 † **51:7** ranom-panala

2 Mikilily fandrotsahañe ty famele'o,
manahake ty fiharatse masioñe;
ty mpamañahy tia.
3 Tea'o ty raty te ami'ty soa;
i lañitsey ta te hivolan-to. Selà
4 No'o ze atao fivolan-katramoañe, ty fameleke mamañahy tia.
5 Aa le harotsan'Añahare kitro-katroke, ho sintone'e, le hapitso'e amy kiboho'oy, vaho
hombota'e an-tanen-kaveloñe. Selà
6 Ho isa' o vantañeo, naho hañeveñe
vaho hiankahake ty hoe :
7 Hehe t'indaty tsy nanao
an'Andrianañahare ho fipalira'e;
fe ty habei' o vara'eo ty niatoa'e,
vaho o fikinia'eo ty nihaozara'e.
8 Aa naho zaho, le hoe sakoa mandrevake
añ'anjomban'Añahare ao;
iatoako nainai'e donia
ty fiferenaiñan' Añahare,
9 Andriañeko nainai'e rehe,
amy te Ihe ty nanao zay,
vaho ho tamaeko i tahina'oy
ie ty soa añatrefa' o noro'oo.

# 53

*Ho a i Talè, atao Hasilofañe, Fanoroa' i Davide* 1 Hoe ty dagola an-tro'e ao:
Tsy ao t'i Andrianañahare.
Vàlañe iareo,
mpanao hakeo mampangorý;
leo raike tsy manao soa.
2 Jiloven' Añahare boak'an-dikerañe ao
o ana' ondatio,
hivazohoa'e ke ao ty mahilala,
mpitsoek' an'Andrianañahare.
3 Songa niamboho,
niharo naniva vatañe,
tsy eo ty manao soa, leo raike.
4 Tsy maharendreke hao
o mpitolon-karatiañeo?
o mampibotseke ondatiko
hoe mitamboavokake mofo,
vaho tsy mikanjy an'Andrianañahareo.
5 Hehe t'ie mirevendreveñe,
ndra te tsy eo ty mahahembañe;
fa navarakain' Añahare ty taola'
o nitobe hiatreatre azoo;
nisalare'o, fa naforintsen'Añahare.
6 Toe hiboake amy Tsiône
ty fandrombahañe Israele!
Ie hampolien' Añahare ondati'e mirohio;
Le hirebeke t'Iakobe, vaho hifale t'Israele.

# 54

*Ho a i Talè, ami'ty Marotaly, Fanoroa' i Davide: ie niheo amy Saole o nte-Zifio nanao ty hoe: Aa vaho tsy ama'ay ao hao ty fietaha' i Davide?* 1 Rombaho raho ry Andrianañahare
ty amy tahina'oy,
vaho meo-to amo haozara'oo.
2 Ry Andriananañahare, janjiño ty halaliko,
toloro ravembia o entam-bavakoo.
3 Miongake hiatreatre ahy ty ambahiny,
paia' o mitrotrofiakeo ty fiaiko,
tsy nampiaoloe' iareo
t'i Andrianañahare. Selà
4 Inao! Mpañimb'ahy t'i Andrianañahare,
Fiatoam-piaiko t'i Talè.
5 Hafote'e amo mivoñoñe ahiko
ty haratia' iareo;
Rotsaho iereo ami'ty figahiña'o.
6 Mañenga ama'o an-tsatrin-tro raho,
andriañeko i tahina'oy ry Iehovà, amy te ie ty soa;
7 Fa nafaha'e amako
ze hene haemberañe,
vaho nisambae' o masokoo o rafelahikoo.

# 55

*Ho a i Talè, Ami'ty Marotaly; Fanoroa' i Davide* 1 Janjiño o filolohakoo ry Andrianañahare;
ko mietak' amo halalikoo.
2 Haoño raho, le toiño;
ie tsitoboboly am-pitoreoko,
toe miñeoñeoñe avao
3 ty amy feon-drafelahikoy,
ami'ty fanindria' o lo-tserekeo,
ie mametsa-kasosorañe;
vaho am-piloroloroañe
ty atreatré' iareo ahy.
4 Miola ty an-troko ao,
vaho midoiñ' amako
ty fangebahebàn-kavilasy.
5 Midoñ'amako ty firevendreveñañe
naho ty fihondrahondràñe,
vaho opoe' ty anifañe.
6 Hoe raho : Ee te nanañ' elatse
hoe deho!
le ho nitiliñe añe vaho nitofa;
7 Eka, ho niherereake mb'eo,
ho nañialo am-patrambey añe. Selà
8 Ho nifiotse mb'am-pipalirako mb'eo,
ty ami'ty tio-bey naho ty afo-rano.
9 Votemboteo ry Talè,
tseraho ty famele' iareo,
fa nahatrea piaroteñe naho fiolañe
an-drova ao raho.

10 Handro an-kaleñe iereo ro
mitingatinga ambone kijoly ey,
añivo'e ao ty hatsivokarañe
naho fikitrohan-draty.
11 Firotsahañe ty añivo'e ao,
tsy mienga o kiririsa'eo
ty joy naho ty fìtake.
12 Tsy t'ie rafelahy te mañìnje ahy,
fa ho nileoko,
tsy t'ie mpalaiñ' ahy te itoabora'e,
fa ho nietahako.
13 Te mone ihe, rahambako,
mpiamako naho rañeko,
14 nimamy ty fifañohahòhan-tika,
mbore nitrao-pivovotse amy màroy mb'añ'anjomban' Añahare mb'eo.
15 Ee t'ie ho fañahieñe
mb'am-pihomaham-beo,
agodoño veloñe an-tsikeokeok' ao;
amy te an-kaloloañe ao ty kiboho'e;
añivo'e ao.
16 Aa naho zaho, ho kanjieko t'Andrianañahare;
vaho handrombak' ahy t'IEHOVÀ.
17 Hariva naho handro vaho an-tsipinde ty hitoreovako
naho hiñeoñeoñe;
vaho ho janji'e ty feoko.
18 Hijebaña'e an-kanintsiñe
amy fifandraparapahañe amakoy.
19 Hijanjiñe t'i Andrianañahare
vaho ho toiñe'e iareo;
I miambesatse am-piambesa'e haehaey, Selà
toe tsy miova iareo,
tsy mañeveñe aman' Añahare.
20 F'ie mañonjo-haoke hañatreatre
amo nifampilongo ama'eo,
ie nifotetse amy fañina'ey,
21 Nalama te amo solikeo o entam-palie'eo fe aly avao ty añ' arofo'e ao;
nalea ta o menakeo o saontsi'eo,
te mone fibara napontsoañe.
22 Apoho am' IEHOVÀ o kilanka'oo,
le ho tohaña'e;
tsy hado'e higavingaviñe o vantañeo.
23 F'ihe ry Andrianañahare:
ro hampijoroboñ' iareo
an-kobon-dalek'ao;
tsy hiveloma' ondaty mampiori-dio
naho mamañahio, ty an-tsasa' o andro'eo, fa naho zaho, Ihe ro hiatoako.

# 56

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide naho nitsepak' aze e Gate o nte Pelistio; atao ami'ty feo Deho amy Nonok' aroañey*
1 Tretrezo raho ry Andrianañahare;

fa lialia’ ondatio;
forekeke’e amañ’aly handro am-pohatse.
2 Te handialia ahy lomoñandro
o mivoñoñ’ ahikoo;
amy te maro ty mifandrava amako,
ry Andindimoneñey.
3 Amy andro mampangebahebak’ ahy,
Ihe ty hiatoako,
4 Aman’Andrianañahare
—handrengeako o tsara’eo—
fa iatoako t’i Andrianañahare,
tsy ho hemban-draho;
inoñe ty hanoe’ o nofotseo amako.
5 Embere’ iereo lomoñandro
o fitoloñakoo; fikitrohan-draty avao ty ereñeren-tro’iareo.
6 Mifañosoñe iereo, mietake, mitinoñe ty liako; mandiñe hitsepake ty fiaiko.
7 Ty hatsivokara’ iareo—tsy hipoliotse.
Aretsaho an-kaviñerañe ondatio,
ry Andrianañahare.
8 Fa vinolili’o o firerereakoo;
apoho an-jonjò’o ao
o ranomasokoo;
tsy amy boke’oy hao irezay?
9 Hitolike amy zao o rafelahikoo,
amy andro kanjiekoy,
Zao ty rendreko,
te mpañimb’ ahy t’i Andrianañahare,
10 I Andrianañahare ro andrengeako o tsara’eo,
IEHOVÀ ro añonjonako o saontsi’eo.
11 I Andrianañahare ro fiatoako,
tsy ho hemban-draho,
inoñe ty hanoe’ ondaty amako.
12 Havahako o nifantàkoo,
ry Andrianañahare;
hañenga fañandriañañe ama’o.
13 Amy te vinotso’o ty fiaiko
tsy hikenkañe;
Eka! o tomboko tsy hitsikapy,
ie hijelanjelañe añatrefan’Añahare eo
an-kazavan-kaveloñe.

# 57

*Ho a i Talè, Haja’ i Davide, ie nibioñ’ amy Saoly mb’an-dakato ao ami’ty feo : Ko Rotsahe’o.* 1 Tretrezo raho ry Andrianañahare, iferenaiño,
fa Ihe ro fitsoloham-piaiko; eka! an-talinjon’ ela’o ao ty fipalirako, ampara’ te ihelaña’ ty hankàñe.
2 Kanjieko t’i Andrianañahare Abo-tia;
Aman’ Añahare fahatafeterako.
3 Hahitri’e hirik’an-dikerañe ao
ty fandrombahañe ahy,
endaha’e i mandialia ahikoy. Selà

Ho sangitrihen’ Añahare ty fiferenaiña’e naho ty hatò’e.
4 An-teñateñan-diona ao ty fiaiko;
itraofako handre o mpikofòke afoo;
toe o ana’ ondatio,
lefoñe naho ana-pale o famotsi’eo,
fibara masioñe ty famele’iareo.
5 Onjoneñe ambone’ i likerañey rehe,
ry Andrianañahare,
ambone’ ty tane toy iaby ty enge’o.
6 Nikotepe’ iareo harato o liakoo;
mibokobokoke ty fiaiko;
nihalia’ iereo koboñe ty aoloko eo,
f’ie nigodoñe am-po’e ao. Selà
7 Mijadoñe ty troko ry Andrianañahare,
eka, gañe ty troko;
hisabo raho, eka hisabo fandrengeañe.
8 Mivañona, ry engeko!
Mitroara ry kararàke naho marovany,
hampitsekafako ty fanjirik’andro!
9 Hañandriañe Azo raho ry Talè
añivo’ ondatio eo,
ho rengeko an-tsabo
amo kilakila‘ndatio ao.
10 Amy te ra’elahy pak’ an-dindiñe añe
ty fiferenaiña’o;
le pak’an-drahoñe eñe ty hatò’o.
11 Onjoneñe ambonen-dikerañ’eñe rehe
ry Andrianañahare,
ty enge’o ambone’ ty tane bey toy.

# 58

*Ho a i Talè, Sabo’ i Davide ami’ty feo : Ko Rotsahe’o* *1* Toe mitaron-kavantañañe
hao t’ie mitsiñe?
mizaka an-kahiti’e hao, ry ana’ ondatio?
2 Hete, te mone hatsivokarañe
ty itoloña’areo an-troke ao;
lanjae’ areo amy taney
o fitavanam-pità’areoo.
3 Amoean-kovin-drene’e ty lo-tsereke,
mañariok’ añe vata’e miboloañe
ty mpivolam-bande.
4 Hoe vorem-pandrefe’ala ty vore’ iareo,
manahake o meren-kareñeñe
manentsen-tsofiñeo,
5 tsy hahatsanoña’e ty fikoràn’ambiasa
ndra ty pandrombo-jiny bey.
6 Ry Andrianañahare,
rofoto am-bava’e ao o nife’eo,
atrankaño ty famotsi’ o liona tora’eo,
ry Iehovà
7 Angao hisaok’ añe iereo hoe rano vohitse;

Lonik’abey te ho zoeñe
domoke o ama-paleo
t’ie mañohatse o fale’eo.
8 Lonike t’ie hanahake ty harevo’
o sifotse mihamodo te misitseo, hoe ajaja miboloañe tsy mahatrea i àndroy.
9 Aolo te hahamae valàñe o afom-patikeo,
le fonga ho faohe’e an-talìo
ty leñe naho ty mibebañe,
10 Hirebeke o vañoñeo
te mahaisake i famaleañey,
ho sasà’e an-dio’ o tsivokatseo o fandia’eo
11 Vaho hanao ty hoe ondatio:
Toe tsy ho po-tambe o vantañeo;
toe eo t’i Andrianañahare
mizaka an-tane atoy.

# 59

*Ho a i Talè, ami’ty Altasete, Sabo’ i Davide, ie nampandroñe’ i Saole ty anjomba’e*
*hañe-doza ama’e.* 1 Hahao an-drafelahiko raho
ry Andrianañahare :
ampitroaro an-kaboañe
ty amo miatreatre ahikoo.
2 Avotsoro amo mitolon-katsivokarañeo,
vaho rombaho am’ondaty
mampiori-dioo.
3 Hehe t’ie mamandroñe ty fiaiko,
robohe’ o mpitrotrofiak’ amako,
tsy ty amo fiolàkoo ndra o tahikoo, ry Iehovà.
4 Tsy o fandilarakoo ty falisa’ iareo
hiatreatre ahy;
mivañona hañolora’o vaho mivazohoa.
5 Ihe arè ry Iehovà,
Andrianañahare’ i màroy,
Andrianañahare Israele,
mivañona, handilova’o o fifeheañeo;
ko tretrezeñe o mpiola lo-tserekeo. Selà
6 Mibalike haleñe iereo,
mañaolo hoe amboa
vaho mikariokariok’ amy rovay.
7 Hehe t’ie mamore am-bava,
fibara ty an-tsoñi’e, manao ty hoe:
Ia ty mahajanjiñe.
8 F’ihe, ry Iehovà, ro hiankahak’ am’iareo, hene sirikae’o o fifeheañeo.
9 O ry Haozarako, fitamakoo;
kijoli-aboko t’i Andrianañahare.
10 Hiaolo ahy t’i Andrianañaharem-piferenaiñ’ ahiko,
hampisamban’ Añahare o rafelahikoo.
11 Ko vonoe’o hey iereo,
tsy mone haliño ondatikoo;
ampirerererereo ami’ty haozara’o,
vaho afotsaho, ry Talè, fikala’ay.

12 ty amo hakeom-palie' iareoo,
o saontsim-pivimbi'eo, ee t'ie ho tsepaheñe am-pirengevoha'e, naho amo fatse vaho fandañitse aaka' iareoo.
13 Mongoro an-kaviñerañe,
zamano ho modo,
hampandrendrehañe te mifehe
am' Iakobe ao t'i Andrianañahare,
sikala añ'olo' ty tane toy añe, Selà
14 Mimpoly haleñe iereo,
mañaolo hoe amboa,
vaho mbeo-mbeo an-drova atoy,
15 Mihelahela avao, mipay haneñe,
vaho mitromoroñe naho tsy vontsy.
16 Aa naho zaho, ho saboeko ty haozara'o; Eka, hipoñafako te maraiñe
ty amy fiferenaiña'oy;
amy te Ihe ro tambohoko,
fitsolohako añ'andron-kaloviloviako.
17 Ry Haozarako,
hisaboako am-pandrengeañe:
amy te mpikalañ' ahy t'i Andrianañahare,
i Andrianañaharem-piferenaiñ' ahiy.

# 60

*Ho a i Talè, Onin-tsabo' i Davide ty hotakotake nanoe'e amy Arame Naharaime naho i Arame Tsobay; naho ty nibaliha' Ioabe, ie ginio'e t'i nte-Edome rai-ale tsy roe-arivo lahy amy Vavatanen-tsiray.* 1 Ry Andrianañahare nifarie'o, dinemo'o, nifomboa'o; ehe sotraho zahay.
2 Nampiezeñezeñe'o ty tane;
nabenta'o; melaño o jeba'eo, fa miozoñozoñe.
3 Nampahaoniña'o fisotriañe ondati'oo; nampitohofa'o divay mampivembèñe.
4 Nanolora'o viloñe
o mañeveñe ama'oo;
honjoneñe ty ami'ty hatò. Selà
5 Soa te ho hahàñe o kokoa'oo;
rombaho am-pità'o havana; toiño raho.
6 Nitsara ami'ty hamasiña'e
t'i Andrianañahare:
Hitreñe raho, ho zaraeko ty Sekeme,
vaho ho zeheko ty vavatane' i Sokote;
7 ahiko t'i Gilàde, naho ahiko t'i Menasè; fiaron-dohako t'i Efraime,
kobaiko t'Iehodà*;
8 Koveta fisasako t'i Mòabe;
fampipohan-kanako t'i Edome
miroharohà ty amako, ry Pilisty.
9 Ia ty hampihova ahy
amy rova fatratsey?
Ia ty hiaolo ahy mb' Edome mb'eo?
10 Tsy Ihe hao ry Andrianañahare
ty nahafary anay?
Tsy hitraofa'o fionjonañe hao,

* **60:7** Fot 49:10

ry Andrianañahare o lahindefo'aio !
11 Oloro amy rafelahiy zahay,
fa tsy vente'e ty fandrombaha' ondatio.
12 I Andrianañahare ro fahareketa'ay,
Ie ty handialia o rafelahi'aio.

## 61

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide, arahe' ty marotaly* 1 Janjiño ty koiko, ry Andri-
anañahare;
haoño o halalikoo.
2 Boak' añ'olon-tane añe ty ikoihako Azo, naho opo ty troko;
iaolò mb'an-damilamy abo te amako.
3 Amy te Ihe ro fipalirako,
haboañe fatratse aolon-drafelahiko eo.
4 Hitoboke an-kivoho'o ao nainai'e raho;
hipalirako añ'alo' o ela'oo. Selà
5 Fa jinanji'o o nifantàkoo
ry Andrianañahare;
tinolo'o ty lova' o mpañeveñe
amy tahina'oio.
6 Tompeo andro ty andro' i mpanjakay,
ho tarirats' an-tariratse o tao'eo.
7 Hiambesatse añatrefan' Añahare
eo nainai'e;
afantoho hañambeñe aze
ty fiferenaiñañe naho ty hatò.
8 Le ho bangoeko an-tsabo nainai'e ty tahina'o,
ie henefeko boak' andro o nifantàkoo.

## 62

*Ho a i Talè, amy Iedotone, Sabo' i Davide* 1 I Andrianañahare avao ty fitamà'
ty fiaiko am-pitsiñañe,
boak' ama'e ty fandrombahañe ahy.
2 Ie avao ro lamilamiko
naho ty fandrombahañe ahy;
i haboam-pipalirakoy;
tsy hasiotsiotse raho.
3 Pak'ombia ty ho boroboñafe' areo t'indaty? Hanjevoa'areo iaby
hoe t'ie rindriñe mitondritse,
ndra kijoly migavengaveñe.
4 Ty hamotsahañe aze ami'ty
haabo'e avao ro fikililia' iareo :
mpitea volam-bande; mitata am-palie,
f'ie mamatse añ'ova ao Selà
5 I Andrianañahare avao ty liñisa'o
ampitsiñañe, ty fiaiko toy;
boak' ama'e ty fisalalàko.
6 Ie avao ro lamilamiko
naho fandrombahañe ahy;
ty kijoliko abo; tsy hasiotse raho.
7 I Andrianañahare ty ampipohañe

ty fandrombahañe ahy,
naho ty engeko;
ty lamilamin-kaozarako;
fipalirako t'i Andrianañahare.
8 Miatoa ama'e nainai'e, ondatio,
adoaño añatrefa'e ty arofo' areo;
fitsolohan-tika t'i Andrianañahare. Selà
9 Toe hakoahañe avao o ana' i Dameo,
lañitse o ana' ondatio;
ie atraok' am-pilanjàñe eo,
le maivañe te ami'ty kofòke.
10 Ko iatoa'o ty fikatramoañe,
naho ko manao fañirian-kafoake
am-pikamerañe.
Ndra te mionjoñe o varao
ko ampirampian' arofo.
11 Nitsara indraike t'i Andrianañahare,
tsinanoko indroe ty hoe:
An'Andrianañahare o haozarañeo,
12 vaho ama'o, ry Talè, ty fiferenaiñañe,
songa tambeze'o mañeva o fitoloña'eo t'i ondaty.

# 63

*Sabo' i Davide, ie tam-patram-bei' Iehoda* 1 Ry Andrianañahare,
Ihe ro Andrianañahareko;
hitsoek' azo raho;
miheahea azo ty fiaiko,
misalala azo ty sandriko
hoe an-tane kànkañe vozake
tsy aman-drano,
2 Ho treako amy miavakey ao rehe,
hahaisake ty haozara'o naho ty enge'o.
3 Toe soa te amo haveloñeo
ty fiferenaiña'o,
hisabo Azo o soñikoo.
4 Hañandriañe Azo t'ie mbe veloñe;
i tahina'oy ty hañonjonako tañañe.
5 Anjañe ty fiaiko hoe aman-tso-kena naho solike,
vaho mandrenge Azo
an-tsoñy mifale ty vavako,
6 ie mahatiahy Azo am-pandreañe ao,
naho mitsakore Azo am-pijilovan-kaleñe.
7 Ihe ro mpañolotse ahiko,
naho an-kalon'ela'o ao ty hirebehako.
8 Mipitek' ama'o ty fiaiko;
manohañe ahy ty fità'o havana.
9 Fe hajoroboñe an-tsikeokeok'ao
ze mipay handrotsake ty fiaiko;
10 Havariñe an-kaozara' i fibaray iereo
ho tsindrohe' ty farasy.
11 Andriañahare ty irebeha' i Mpanjakay,

mirañorañoa ze hene mifanta ama'e;
fe hampidiñeñe ty faliem-pandañitse.

## 64

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide* 1 Janjiño ty feoko, ry Andrianañahare,
ami'ty fitreontreoñako;
ambeno ty fiaiko
ami'ty fihembaña'e o rafelahio.
2 Aetaho raho ami'ty fikililia'
o tsivokatseo;
amo fikitrohan-drati' o lo-tserekeo.
3 O maniom-pameleke hoe fibara
vaho mañohatse entam-bola-mafaitse
hoe t'ie ana-pale,
4 hañohara' iareo añ'etake ty vañoñe;
tifire'iereo amy zao tsy aman-tahotse.
5 Mifañosike t'ie mikitroke, mikinia hampibitrotse fandri-bo añ'etake, ami'ty hoe: Ia ty hahaisake?
6 Tsikarahe' iereo ze tsihavokarañe,
Fa nañeneke safiry soa lahatse.
Toe miheotse ty añ'ova' ondaty ao,
naho ty arofo'e.
7 F'ie hañiririan' Añahare ana-pale
aniany avao le ho fere
8 hampitsikapy iareo;
sesehe' o famele'iareo avao,
songa mibioñe añe ty mahaisake iareo.
9 Le hene hirevendreveñe ondatio,
hitalily o fitoloñan' Añahareo
vaho hañarahara o tolon-draha'eo.
10 Hifale am' IEHOVÀ o vantañeo,
hipalitse ama'e;
vaho hene handrenge aze
o mahity añ'arofoo.

## 65

*Ho a i Talè; Takasy, Sabo' i Davide.* 1 Mitamà azo e Tsiône ao ty sabo,
ry Andriananãhare:
vaho ama'o ty ifantàñe.
2 O ry Mpijanjin-kalaly,
mitontoñe ama'o ze kila sandriñe.
3 Maozatse te amako o sata tsi-vokatseo,
fe o fandilara'aio, le takona'o.
4 Haha t'indaty joboñe'o
vaho ampitotohe'o
himoneñe an-kiririsa'o ao:
ho heneke ty hasoa añ'akiba'o ao zahay,
an-kivoho'o miavake ao.
5 Fitoloñañe mampañeveñe
ro anoiña'o anay an-kavantañañe,
ry Andriananãharem-

pandrombahañe anay,
Ihe ro fatokisa' ze olon-tane iaby,
naho o an-driake tsietoitaneo.
6 Ie ami'ty haozara'o ro nampijadoñe
o vohitse misadia hafatrarañeo;
7 Ihe ro mampitsiñe ty fitroña' o riakeo, ty figodobo' o kinerakeo,
vaho ty fivoamboaña' o borizañeo.
8 Mampañeveñe o mpimoneñe añ'olon-taneo o vilo'oo; vaho ampirebehe'o
ty fionjona' o maraiñeo naho o haleñeo.
9 Tilihe'o ty tane toy
naho tondraha'o rano:
vaho fanjàka ty nampamokara'o aze
amy sakan'Añahare miheneheney;
nañalankaña'o *ampemba,
zay ty fañajaria'o i taney.
10 Anoe'o lonte soa o hàto'eo, amàta'o o vavahali'eo:
lotrahe'o ami'ty ereke,
tahie'o ty fitovoa'e.
11 Sabakae'o ami'ty havokara'o ty taoñe,
ampitsopatsopahen-tsolike o oloñolo'oo;
12 Mitsiritsioke o fiandrazañe
am-patrambeio;
vaho misikim-pirebehañe o vohitseo.
13 Misaroñe biby fiandrazeñe o hivokeo,
miravak' ampemba o vavataneo;
mitreñe an-kaehake le misabo.

# 66

*Ho a i Talè, Sabo an-Titike, Takasy* 1 Mipoñafa rebek' aman'
Andrianañahare, ry hene tane toy !
2 Isabò ty volonahe' i Tahina'ey,
toloro engeñe mitoabotse.
3 Anò ty hoe aman' Añahare : Ra'elahy o tolon-draha'oo !
Ami'ty hajabahinan-kaozara'o ty hitsolofiña' o rafelahi'oo aolo'o eo.
4 Hene hitalaho ama'o ty tane toy,
naho hisabo fandrengeañe ama'o;
ho bangoe' iereo ty tahina'o. Selà
5 Antao hañisake o fitoloñan'Añahareo:
mampañeveñe o ana'ondatio o sata'eo.
6 Nabali'e ho tane kànkañe i riakey,
nitsaham-pandia' iareo i oñey;
añe ty nirebehan-tika.
7 Manjaka an-kaozara'e nainai'e re,
jilovem-pihaino'e o fifeheañeo,
we te tsy hiroharoha' o mpiolao. Selà
8 Andriaño t'i Andrianañaharen-tika
ry ondatio,
ipoñafo feom-pandrengeañe;
9 Ie mitañe an-tika veloñe, naho
tsy apo'e hasitse o fandian-tikañeo.

---
* 65:9 Ndra ze atao vare, tsako, bajiry n. t. i.

10 Fa namente anay rehe,
ry Andrianañahare, fa natrana'o hoe fitranaham-bolafoty.
11 Nasese'o an-karato ao, vaho nampibabe'o faloviloviañe
o hàto'aio.
12 Nampiningire'o ambone' ty
añambone'ay t'indaty,
zahay nisibek' afo naho rano,
fe naaka'o ho an-kavokarañe.
13 Himoak' añ'anjomba'o ao raho
hinday engan-koroañe;
hañenefako o nifantàkoo,
14 ze vinolan-tsoñiko vaho rineham-bavako t'ie niankoheke.
15 Hengaeko kobatroke horañe, an-katòen' añondri-lahy,
hisoroñe bania naho oselahy. Selà
16 Mb'etoa hijanjiñe ry mpañeveñe
aman' Añahare iabio,
le ho talilieko o nanoe'e an-kavelokoo.
17 Nitoreo am-bavako,
le nampionjoneko an-delako.
18 Ie mahatrea hakeo an-troko ato,
le tsy hijanjiña' i Talè.
19 Fa toe mijanjiñe ahy
t'i Andrianañahare
haoñe'e i feon-kalalikoy.
20 Andriañeñe t'i Andrianañahare,
amy te tsy ambohoa'e i filolofakoy,
vaho tsy afaha'e amako
ty fiferenaiña'e.

# 67

*Ho a i Talè, amo marovanio; onin-tSabo, Takasy* 1 Toe hasoan' Añahare tika naho
tahie'e,
kinokinohe'e amantika i lahara'ey, Selà
2 Ho fohineñe an-tane atoy o lala'oo,
amo kilakila 'ndatio ty fandrombaha'o.
3 Ho renge' ondatio rehe
ry Andrianañahare;
hene handrenge Azo ondatio.
4 Hifalea' o fifeheañeo
naho hisaboe'iereo an-kaehake;
fa ho zakae'o ami'ty hiti'e ondatio,
vaho hiaoloa'o o fifeheañe
an-tane atoio. Selà
5 Ho renge' ondatio rehe
ry Andrianañahare;
fonga handrenge Azo ondatio.
6 Fa nahatoly sabo ty tane, nitahy antika t'i Andrianañahare,
i Andrianañaharen-tikañey.
7 Tahien' Añahare tikañe; soa te hañeveñe ama'e ze hene olon-tane.

# 68

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide. Onin-tsabo* 1 Hiongake t'i Andrianañahare,

le hiparaitake o rafelahi’eo;
vaho hibioñe aolo’e eo o malaiñe Azeo.
2 Hambañe ami’ty fampisaohañe
hatoeñe, isaoho añe ka;
manahake ty fitranaha’ o karafo tantele aolo’ afoo,
ty hikoromaha’ o tsivokatseo
añatrefan’Añahare.
3 Ho ehake o vañoñeo,
hirebeke añ’atrefan’Añahare eo,
hiriñariña an-kobaiñe.
4 Misaboa aman’ Añahare,
bangò i tahina’ey;
onjono i Mpiningitse miranga
i montombeiy, IÀ ty tahina’e;
vaho mitreñà añatrefa’e eo.
5 Raem-bode-rae naho mpañomey to
amo vantotseo t’i Andrianañahare
an-kivoho’e miavake ao.
6 Ampimoneñan’ Añahare
añ’akiba ao ty jorý;
akare’e mb’an-kavokarañe o rinohio;
fe mitobok’ an-tane kirikintàñe ao
o mpitrabikeo.
7 O Andrianañahare, ie niaoloa’o ondati’oo, ie nihofiha’o firanga
i fatram-beiy, Selà
8 niezeñezeñe i taney, nihotrake i likerañey aolo’ i Andrianamboatse,
Nihondrahondra ty Sinay añatrefa’ i Abo Tia, Andrianañahare’ Israele eo.
9 Nanondraha’o oran-joba,
ry Andrianañahare;
niventè’o i lova’o navozoy,
10 Nitobok’ ao i mpirai-lia’oy,
nifahana’o ami’ty havokara’o
o rarakeo, ry Andrianamboatse.
11 Nitaroñe t’i Talè;
mitozantoza o rakemba mitalily
i entañeio.
12 Nitriban-day mb’eo o mpanjakan-
dahindefoñeo! Nivoratsake;
le ho zarae’ i tambatse an-kiboho’e ao o kinopakeo,
13 ie mandre am-bàlan’añondry ao, le manahake
ty elan-deho misarom-bola-foty;
mimilemiletse volamena o volo’eo.
14 Ie nampivarakai’ i El-Sadai
i mpanjaka rey,
le niavy an-Tsalmone ty oram-panala.
15 Vohin’ Añahare ty vohy Basane;
vohitse lako-lengo’e ty haboa’ i Basane;
16 Inoñe ty ikiraña’ areo
ry haboañe maro-lengo’eo,
i vohitse nirien’Añahare himoneña’ey?
Eka himoneñe ao nainai’e t’IEHOVÀ.
17 Añ’ale’ale o sareten’ Añahareo,
arivo-añ’arivo’e;

ama'e ao an-kamasiña'e t'i Talè
manahake e Sinay añe.
18 Nionjoñe añ'abo eñe rehe,
nikozozote'o an-drohy
o fandrohizañeo,
nandrambe ravoravo am'ondatio,
vaho amo mpiolao,
himoneña' IÀ, Andrianañahare.
19 Andriañeñe t'i Talè mpivave o kilankan-tikañeo boak'andro,
i Andrianañaharem-
pandrombahantikañey. Selà
20 Andrianañaharem-pañaha an-tika
t'i Andrianamboatse;
Toe a IEHOVÀ Talè
ty famotsorañe an-kavilasy.
21 Le hanorotoro ty loha' o rafelahi'eo
t'i Andrianañahare,
ty kovo-doha minankanankañe
amo hakeo'eo.
22 Hoe t'i Talè:
Hampoliko o e Basaneo,
hahereko boak' an-keraheran-driak' ao,
23 Ho demohem-pandia'o an-dio
o rafelahi'oo,
hanañ'anjara an-dion-drafilahy ka
o lelan' amboa'oo.
24 Fa niisa' iareo o fañaveloa'oo
ry Andrianañahare,
ty fionjonan' Añahareko, toe
i Mpanjakakoy, mb'amy miavakey ao.
25 Miaolo o mpisaboo,
manonjohy o mpititikeo;
añivo'e ao o somondrara
mampikantsankantsàñe o kantsàñeo :
26 Andriaño am-pivory ao
t'i Andrianañahare,
i IEHOVÀ boak'am-pigoangoaña' Israele.
27 Ingo t'i Beniamine tsitso'e,
miaolo iareo,
o roandria' Iehodào am-pirimboña'eo, o roandria' i Zeboloneo,
o roandria' i Naftalio.
28 Fa linilin' Añahare'o ty haozara'o;
mihaozara! Ry Andrianañahare,
nañenefa'o ho anay zay,
29 ty kiboho'o e Ierosalaime añe,
ty ibanabanà' o mpanjakao ama'oy.
30 Endaho o biby hako am-bindao,
o añombelahy maroo
rekets' o dronga' ondatioo,
songa mandialia tseram-bolafoty; navarakai'e ondaty tea alio.
31 Hiavotse e Mitsraime ao o sorotà'eo,
halisa hañity fitàñe aman'Añahare

t'i Kose*.
32 Misaboa aman'Andrianañahare,
ry fifehea' ty tane toio;
rengeo an-tsabo t'i Talè; Selà
33 I miningitse andindì'
o likerañe haehaeo,
Inay, ampionjone'e i fiarañanaña'ey,
i fiarañanañañe ra'elahiy.
34 Iantofo te an'Andrianañahare
ty haozarañe
ambone' Israele eo ty ahe'e
an-dikerañe ao ty hafatrara'e.
35 Mampañeven-drehe,
ry Andrianañahare, an-toe'o miavake ao;
I Andrianañahare' Israele,
ro mpanolotse haozarañe
naho hafatrarañe am'ondati'eo.
Andriañeñe t'i Andrianañahare !

## 69

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide ami'ty feo : O Talìfokeo.*
1 Rombaho raho ry Andrianañahare
fa nizilike añ'ovako ao ty rano.
2 Milempotse an-ditsake lalek' ao raho,
tsy ao ty ho liàñe;
fa nijolofoñe an-drano lalek' ao
naho mandipotse ahy o alon-driakeo.
3 Mahamokotse ahy ty fitañiako,
maike ty am-peoko ao;
milesa o masokoo amy fisalalako
an'Andrianañaharekoy.
4 Mandikoatse o volon-dohakoo
ty malaiñe ahy tsy am-bente'e;
maro ty te handrotsak' ahiko,
ie rafelahiko tsy an-dengo'e;
havahako hao ty tsy nikamereko?
5 O Andrianañahare, arofoana'o
ty hadagolako,
vaho tsy mietak' ama'o o tahikoo.
6 Tsy zaho abey ty hisalara'
o misalala Azoo,
ry Iehovà, Talè' i Màroy;
ee te tsy zaho ty himeñara'
o mipay Azoo,
ry Andrianañahare' Israeleo.
7 Amy te Ihe ro nahatantezako rabioñe;
manaroñe ty tareheko ty hasalarañe.
8 Fa ambahiny aman-drolongoko
raho naho alik' amo anan-drenekoo.
9 Amy te namotsek' ahiko

* **68:31** Kose: Etiopia; Tane atimo' i Mitsraime

ty fahimbañako amy anjomba’oy;
le nidoñe amako ty inje’
o mañinje Azoo.
10 Zaho nitañy añ’ovako ao
naho nililitse, ninjare tiñe amako.
11 Ie nanoeko lamba-gony ty sikiko, le nirabioñeñe.
12 Mivolambolañe ahy o miambesatse an-dalambeio;
vaho ibekoa’ o jikeo.
13 Fa naho zaho, Ihe ty ihalaliako,
ry IEHOVÀ, ami’ty andro mete,
ry Andrianañahare ami’ty habeim-piferenaiña’o, toiño raho
ami’ty hatòm-pandrombaha’o.
14 Ihahao amo litsakeo,
le ko apo’o hijoroboñe,
avotsoro amo malaiñe ahio,
vaho amo rano lalekeo.
15 Ee t’ie tsy hopoe’ o fisorotombahañeo,
ndra hagodra’ i tsikeokeokey;
ndra hitsiteha’ ty vava’ i koboñey.
16 Toiño raho ry IEHOVÀ,
ami’ty hasoan-kafatraram-pikokoa’o;
mitoliha amako ami’ty
harà’elahim-piferenaiña’o.
17 Ko aetak’ ami’ty mpitoro’o
ty lahara’o, fa ampoheke,
masikà te manoiñe.
18 Harineo ty fiaiko, vaho jebaño;
vilio amo rafelahikoo.
19 Arofoana’o ty tìñeko, ty hameñarako, naho ty hasalarako;
añatrefa’o eo ze hene rafelahiko.
20 Fa nahakoretse ty troko o rabioñeo,
lifon-kasiloke raho;
nipay tretre, fa tsy nitendreke;
naho mpañohò, fa tsy nahatrea.
21 Hete! finaha’ iareo voreke raho
vaho finantso’ iareo vinegra
amy haran-dranoakoy.
22 Ho fàndrike ty fandambañañe añ’atrefa’ iareo;
ie mierañerañe te mikoropoke.
23 Haieñe o fihaino’ iareoo,
tsy hahaisake,
vaho ampiozoñozoño nainai’e o toha’eo.
24 Adobaño am’ iereo ty haviñera’o,
le ampitsepaho ami’ty fifombo’o
miforoforo.
25 Hangoakoake ty tobe’ iareo;
tsy himoneña’ ondaty o kiboho’eo.
26 Amy te sarerahe’e i linafa’oy,
vaho nindrae’ iereo ty fanaintaiña’
o vinonotrobo’oo.
27 Tompeo tahiñe ty hakeo’ iareo,
le ko apo’o hifoak’ an-kavantaña’o ao.

28 Faoho amy boken-kaveloñey iereo,
tsy hitrao-pisokitse amo vañoñeo.
29 Misotry naho marare raho;
ampañonjono ahy añ'abo ey
ty fandrombaha'o, ry Andrianañahare.
30 Ho bangoeko an-tsabo
ty tahinan' Andrianañahare,
naho honjoneko am-pañandriañañe.
31 Ie ho no' IEHOVÀ mandikoatse ty vosy valo-ay reke-tsifa naho hotro.
32 Ho oni' o mpirèkeo le ho ehake;
ry mpipay an' Andrianañahare,
misotrafa añ'arofo.
33 Fa mahajanjiñe o rarakeo t'IEHOVÀ,
vaho tsy sirikae'e o an-drohio.
34 Misaboa Aze ry likerañeo naho
ty tane toy,
ry riakeo naho ze hene misorok' ao.
35 Fa ho rombahen'Añahare ty Tsiône,
naho hamboare'e o rova' Iehodào
vaho himoneñe ao iereo ho hanañañe.
36 Ho lovae' ty tiri' o mpitoro'eo,
himoneña' o mikoko i tahina'eio*.

# 70

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide Faniahiañe* 1 Hahao raho ry Andrianañahare,
Malisà hañolots' ahy ry IEHOVÀ.
2 Ehe ampimeñaro naho verevereo o mipay ty fiaiko;
hampibalihe'e mb'eo, vaho ho salareñe o falefale amy faràrekoio.
3 Hampipoliañe an-kameñarañe
ze manao ty hoe: Hý! Hý!
4 Ampirebehañe ze hene mipay Azo,
hifale ty ama'o;
le hitolom-panao ty hoe
o mpitea ty fandrombaha'oo:
Onjono t'i Andrianañahare.
5 Fe poie'e naho rarake raho;
Malisà mb'amako ry Andrianañahare;
Ihe ro mpañolotse naho mpañaha ahy; taentaeno ry IEHOVÀ.

# 71

1 Ihe ry IEHOVÀ, ro itsolohako;
ko apo'o ho salareñe,
2 Votsoro ami'ty havantaña'o,
naho hahao;
atokilaño amako ty ravembia'o
vaho rombaho.
3 Ehe t'ie ho vato fimoneñako,
ho fimpoliako;
fa nafanto'o ty handrombahañe ahiko;
Ihe ro lamilamiko naho rova fiàroko.

---

* **69:36** Sab 5:11, 119:132, Ies 56:6

4 Avotsoro an-tañan-do-tsereke raho,
ry Andrianañahareko
ami’ty fivontitira’ ty mpandilatse
naho i mpampisoañey.
5 Fa Ihe ro fitamàko, ry IEHOVÀ TALÈ;
ty natokisako boak’ami’te nahajalahy.
6 Ihe ty nirampiako
boak’an-kovin-dreneko ao;
Ihe ty nañakatse ahy an-tron-dreneko;
Rengeko nainai’e rehe.
7 Filatsà’ i màroy raho,
f’Ihe ro fipalirako maozatse.
8 Pea’ ty fibangoañe naho ty fiasiañ’Azo
lomoñandro ty vavako,
9 Ko aitoa’o raho naho fa bey;
ko mamorintseñe ahy naho
milesa ty haozarako.
10 Fa nikinia’ o rafelahikoo;
vaho mitrao-pikilily ahy
o mivoñoñe ty fiaikoo,
11 ami’ty hoe:
naforintsen’ Añahare,
horidaño arè vaho tsepaho amy t’ie
po-pañolotse.
12 Ry Andrianañahare, ko ihànkaña’o,
ry Andrianañahareko,
malisà hañolots’ ahy.
13 Ho salareñe naho mongoreñe
o manisý ty fiaikoo;
le hoboñañ’ inje naho hameñarañe
o mipay hijoy ahikoo.
14 Fa naho zaho, hitama nainai’e
vaho honjoneko avao
ty fandrengeako Azo.
15 Ho talilie’ ty vavako o havantaña’oo,
naho o fandrombaha’o lomoñandroo,
fe nofiko ty hamaro’e.
16 Hindeseko o tolon-draha’o ra’elahio,
ry IEHOVÀ TALÈ;
ho taroñeko ty havantaña’o, ty Azo avao.
17 Ry Andrianañahare, fa nanare’o ahy boak’ ami’ty nahajalahy ahy;
pake henaneo,
taroñeko avao o raha fanjaka fanoe’oo.
18 Aa ndra t’ie bey naho fotivolo,
ry Andrianañahare, ko farie’o
ampara’ te ataliliko añ’afeafe
ty haozara’o;
ty hafatrara’o amy ze hene ho avy.
19 Pak’ andindiñe añe ty havantaña’o,
ry Andrianañahare.
Ihe namonitse o raha ra’elahio:

ry Andriananañahare,
ia ty mañirinkiriñe ama'o?
20 Ihe nampahatrea ahiko
haemberañe maro naho hasotriañe;
ro hameloñ'ahy,
hañakatse naho hampipoly ahy
hirik' an-kerakeran-tane ao.
21 Ehe, onjono ty engeko,
vaho mitoliha hañohò ahy.
22 Ho rengeko ami'ty mandalina ka,
ty ami'ty hatò'o, ry Andriananañahareko;
ho saboeko ami'ty marovany,
ry Masi-Toka' Israele.
23 Hipoñake an-drebeke o soñikoo,
ie mandrenge Azo an-tsabo,
naho i fiaiko jineba'oy.
24 Ho talilie' ty lelako lomoñandro
o havantaña'oo,
fa salatse, toe meñatse
o mipay hijoy ahikoo.

# 72

*A i Selomò* 1 Toloro amy mpanjakay ty fizakà'o, ry Andriananañahare,
vaho amy ana' i mpanjakaiy ty havantaña'o,
2 Hizaka'e an-kahiti'e ondati'oo,
o mpisotri'oo an-katò.
3 Hinday fanintsiñañe
am' ondatio o vohitseo,
naho havañonañe o haboañeo.
4 Ho mei'e to o rarake am'ondatioo,
ho rombahe'e ty ana' o poi'eo,
vaho ho demohe'e ty mpamorekeke.
5 Hañeveñe ama'o iereo
naho mbe ey i androy,
vaho mbe eñe i volañey,
amy ze hene tariratse.
6 Ie hizotso manahake ty orañe
an-teteke vaho tinatake eo,
hoe ereke mampiboboke ty tane.
7 Hiraorao amo andro'eo o vañoñeo:
vaho am-pierañerañañe vokatse
ampara' te mimosaoñe i volañey.
8 Ho fehè'e ty boak' an-driake eñe,
pak'an-driak' añe ka;
le boak' amy sakay pak'amo olon-taneo.
9 hilokoloko ama'e o mpimoneñe
am-babangoañeo;
vaho hitsela lemboke o rafelahi'eo.
10 Handroroñe ama'e o mpanjaka'
i Tarsiseo naho o tokonoseo;
hañenga ama'e o mpanjaka' i Tsebà

naho i Sebào.
11 Eka, hibokokoa' ze kila mpanjaka,
hene fifeheañe ro hitoroñe aze.
12 Himbae'e ty rarake te mitoreo,
naho i mpisotriy,
vaho i tsy amam-pañimbay.
13 Hiferenaiña'e ty maifoifo naho o poi'eo, vaho ho rombahe'e
ty fiai' o mavomavoo.
14 Ho jebañe'e ami'ty famorekekeañe
naho amo hasiahañeo ty fiai'iareo,
fa sarotse am-pivazohoa'e eo ty lio' iareo.
15 Ho velon-dre!
hatolotse aze ty volamena' i Sebà; añonjono halaly ama'e nainai'e,
andriaño lomoñandro.
16 ho vokats' ampemba i taney, an-dengon-kaboañe ey,
le hihelakelake hoe e Lebanone añe
o havokara'eo;
vaho handrevake hoe ty ahe' i taney
o boak'an-drovao.
17 Tsy ho tampetse nainai'e ty tahina'e; tsy ho modo aolo' i àndroy ty tahina'e;
vaho hifampitata ty ama'e ondatio,
ze kilakila ondaty hanao aze soa-tata.
18 Andriaño t'Iehovà Andrianamboatse,
Andrianañahare' Israele,
Ie avao ro manao raha tsitantane.
19 Bangoeñe nainai'e i tahina'e
lifo-bolonahetsey;
mañàtseke ty tane toy ty enge'e.
Ie zay! naho Amena!
20 Migadoñe eo ty filolofa' i Davide, ana' Iesae.

# Fange Faha III

*Sabo 73 - 89*

## 73

*Sabo' i Asafe* 1 Toe soaen' Añahare t'Israele
naho o malio añ'arofoo.
2 Aa naho zaho,
didý tsy ho nipolatitse o tombokoo;
ho nidorasitse o liakoo.
3 Ie nitsikirike o mpievoñevoñeo*,
naho nitreako ty havokara' o lo-tserekeo,
4 Ie tsy manaintaiñe te mihomake,
jangañe ka ty sandri' iareo.
5 Tsy ampoheke manahake ondatio;
mbore tsy tokoen-draha
manahake ondaty ila'eo.
6 Aa le miravake fiebotseborañe
am-bozo'eo;
manaroñ' iareo hoe sikiñe
o hasiahañe mandoviakeo.
7 Mampibotiritse o fihaino'eo ty solike,

* **73:3** Iob 21:7, Iir 12:1-2, Sab 73:17 92:6-7

etsake naho tampe-draha-irieñe ty tro’e.
8 Manivetive iereo, mikinia famorekekeañ’ an-karatiañe.
9 Fa najado’ iareo hiatreatre o likerañeo
o falie’ iareoo,
mikariokariok’ an-tane atoy
o famele’ iareoo.
10 Aa le mimpoly atoy ondati’eo,
naho genohe’ iereo i rano era’ey.
11 Le hoe iereo :
Aia te haharofoanan’ Añahare?
mahilala hao i Andindimoneñey?
12 Inay ie, o lo-tserekeo—
ie mierañerañe manombo vara avao.
13 Toe tsy vente’e ty nañalioveko ty troko;
naho nanasa tañañe an-kalio-tahiñe.
14 Nalovilovy lomoñandro raho;
vaho nililoveñe boa-maraiñe.
15 Lehe ataoko te, zao ty ho volañeko;
hete! tsy ho nahity amo tariran’ ana’oo.
16 Fa ie nitsakoreako,
haharendreke o raha zao,
le nihamokorañe o masokoo,
17 Ampara’ te niziliheko
an-toen’Añahare miavake ao;
vaho nahaisake ty figadoña’ iareo.
18 Toe apo’o an-tane malama iereo;
ampikorovohe’o mb’an-karotsahañe ao.
19 Hoke! akore ty fiantoa’ iareo anianike,
Fa binotsa’ ty firevendreveñañe.
20 Hoe nofy t’ie tsekake; ry Talè,
ie mivañon-dRehe
le ho heje’o vintañ’ iareo.
21 Fa nikokentrekokentreñe ty troko naho niteveke ty an-tsapavoako ao,
22 Akore ty hanèko naho
ty habahimoako, hoe biby añatrefa’o eo.
23 Fe mpiama’o nainai’e raho;
rinambe’o ty tañako havana,
24 Hiaoloa’o ami’ty fanoroa’o,
vaho ho rambese’o
mb’añ’engeñe mb’eo.
25 Ia ro ahiko an-dikerañe ao,
naho tsy Ihe?
le tsy amam-pisalalàko an-tane atoy naho tsy Ihe.
26 Milesa ty nofoko naho o ovakoo,
fa i Andrianañahare ro haozaran-
troko naho ty anjarako nainai’e.
27 Toe hihomake ze lavits’ Azo;
songa aitoa’o ze miamboho
ama’o hañarapiloa’e.
28 Fe soa ho ahy ty fañarineako
aman’Añahare,
fipalirako t’i Iehovà Talè,

hatalililiko iaby o tolon-draha'oo.

# 74

*Fanoroa' i Asafe* 1 Ry Andrianañahare,
ino ty ifaria'o anay zafe-anake?
Ino ty ifomboa'o o añondry fiandraze'oo?
2 Tiahio i valobohòke vinili'o haehaey,
i foko jineba'o ho lova'oy !
naho ty vohi' i Tsiône fimoneña'oy.
3 Aonjono o fandia'oo
mb'amy hakoahañe nainai'ey,
jinoi' i rafelahiy ze hene raha
an-toe' i miavakey ao*.
4 Niroharoha añivo' o famantaña'oo
o rafelahi'oo;
najado' iareo ty vilo' iareo ho viloñe.
5 Sata'e ty maonjom-pekoñe
añ'ala matahetse ao;
6 Ie henaneo, mamatsike
am-pekoñe naho rabosàke
o varamba'e nitsenèñe an-tsokitseo.
7 Finorototo' iereo pak'an-tane
i efe'o miavakey;
nitivae' iereo i fimoneñan-
tahina'o masiñey.
8 Hoe ty fisafirin-tro'iareo:
Antao haharo ambaneñe iaby iereo;
Fonga nitomontoe' iareo
o toem-pivorin' Añahare an-taneo.
9 Tsy mahatrea o vilo'aio zahay;
tsy amam-pitoky ka; naho
tsy ama'ay ty mahafohiñe te hombia.
10 Pak'ombia ry Andrianañahare,
te mbe hanìtse avao i rafelahiy?
Ho tsambolitio' o malaiñ'azo nainai'e hao i tahina'oy†?
11 Ino ty nanitaha'o ty fità'o?
I fitàn-kavana'oy?
Afaho boak' añ'araña'o ao ty fità'o,
vaho mongoro?
12 Toe mpanjakako boake haehae
t'i Andrianañahare,
mitoloñe fandrombahañe an-tane atoy.
13 Riniaria'o an-kaozarañe i riakey
vaho dinemo'o an-drano ao
o loha' i fañaneñeio.
14 Hinoto'o o loha' i fañanen-driakeio,
hamahana'o o mpimoneñe
am-patrañeo.
15 Nipoñafe'o o rano mitsiritsiokeo
naho o sakao;

* **74:3** Sab 79:1-13 † **74:10** Sab 74:18

nimaihe’o o oñe mikararake nainai’eo.
16 Azo ty antoandro, Azo ka ty haleñe;
fa nihajarie’o o hazavàñeo naho i àndroy
17 Najado’o iaby o fiefetsefe’ ty tane toio,
nanoe’o ty asotry naho ty asara.
18 Tiahio, ry IEHOVÀ,
te niteratera i rafelahiy,
vaho nitivae’ o lo-tserekeo i Tahina’oy.
19 Ko atolo’o ami’ty biby hàko ty deho’o,
ko haliño’o nainai’e o nanilofe’oo.
20 Ambeno i fañinay,
fa atseke kibohon-kasiahañe
o toetse maieñe’ an-taneo !
21 Ko hampolie’o an-kasalarañe
o demokeo!
fa hibango i tahina’oy
o misotrio naho o poie’eo.
22 Miongaha, ry Andrianañahare,
ihalalio o azoo;
tiahio ty fiterà’ i dagolay
lomoñandro.
23 Ko haliño ty feo’ o rafelahi’oo;
mitoabotse nainai’e ty fifandragaragà’
o mitroatse ama’oo.

## 75

*Ho a i Talè, Sabo’ i Asafe, takasy ami’ty feo : Ko Mandrotsake* 1 Fa nañandriañe
Azo zahay
ry Andrianañahare !
fa nañandriañe Azo,
fa marine i tahina’oy,
fa nitaroñeñe o fitoloña’o fanjakao.
2 Ie amotoañako andro;
le hizaka ami’ty fahiti’e raho.
3 Mitranake ty tane toy
naho ze kila mimoneñe ao,
Zaho ty nampijadoñe o faha’eo. Selà
4 Hanoeko ty hoe amo mpirengevokeo:
Ko mandroharoha!
le amo lo-tserekeo:
Ko mañonjon-tsifa.
5 Ko zonjoeñe añ’abo o tsifa’ areoo,
vaho ko mivolañe an-kagàn-kàtoke.
6 Fa tsy boak’atiñana ndra ahandrefa
ndra am-patrambey añe ty fañonjonañe.
7 I Andrianañahare ro mizaka;
afotsa’e ty raike le aonjo’e ty raike.
8 Am-pità’ IEHOVÀ ao ty fitovy
pea divay mandroso, lifo-pilaroañe;
le ampidoañe’e;
toe ho drofote’ ze fonga lo-tsereke
an-tane atoy,

vaho hagodra’ iareo o karafo’eo.
9 Fa naho zaho, ho talilieko nainai’e,
ho rengeko an-tsabo t’i Andrianañahare’ Iakobe.
10 Fonga ho kitsiheko ty tsifa’
o lo-tserekeo,
fe honjoneñe ty tsifa’ o vantañeo.

## 76

*Ho a i Talè, Sabo’ i Asafe, Titiheñe ami’ty marotaly* 1 Fohiñe e Iehodà ao
t’i Andrianañahare;
ra’elahy e Israele ao i tahina’ey.
2 E Salema ao ty kivoho’e;
e Tsiône ao ty fimoneña’e.
3 Teo ty nampipeñafa’e
o ana-pale nibebañeo,
o kalan-defoñeo, o fibarao,
naho o hotakotakeo. Selà
4 Mireandrean-drehe, am-bolonahetse, mandikoatse ty vohitse aman-tsindroke.
5 Nivoloseñe o fanalolahio,
ie nilañake ty rotse, ndra raik’ amo lahi-maozatseo
tsy nahaisake ty fità’e.
6 Ami’ty trevo’o,
ry Andrianañahare’ Iakobe,
le sindre nitsikorak’ an-drotse
ty mpiningitse reke-tsoavala.
7 Ihe le Ihe avao ro añeveñañe!
Ia ty mahafitroatse añatrefa’o eo te ihe ro viñetse?
8 Nampijanjiñe’o boak’ an-dikerañe añe
ty zaka,
nihembañe ty tane toy vaho nitsiñe,
9 ie nitroatse hizaka t’i Andrianañahare
handrombake o mpisotri’ ty tane toio. Selà
10 Toe handrenge Azo
ty haboseha’ ondatio,
ho sadiañe’o ty tsy niritse
amo haviñerañeo.
11 Mifantà am’Iehovà
Andrianañahare’ areo, le henefo;
Songa mañengà amy
Mampañeveñey o mañohok’ azeo.
12 Aitoa’e ty kofò’ o roandriañeo;
irevendreveña’
o mpanjaka’ ty tane toio.

## 77

*Ho a i Talè, ami’ty Iedotone, Sabo’ i Asafe*
Ty feoko mb’aman’ Añahare
naho itoreovako;
ty feoko mb’aman’ Añahare,
vaho nanokilaña’e ravembia!
2 Amy andro nahampohek’ ahiy

t’ie nipay i TALÈ;
an-taña nahity, tsy nigebañe te haleñe;
nifoneñe tsy hohòeñe ty foko.
3 Ie mahatiahy raho, ry Andrianañahare
le mitretretretre, ie tsakorèko,
le mitoirañe ty troko. Selà
4 Tana’o tsy hikòpoke o holi-masokoo;
embetse raho tsy mahafivolañe.
5 Nereñereko o andro taoloo,
o taoñe haehaeo,
6 Tiahiko o nititihako an-kaleñeo;
mifañaoñe ami’ty troko raho,
le hoe ty fitsakorean-troko:
7 Haitoa’ i Talè zafe-anake hao?
le lia’e tsy hisohe’e hao?
8 Fa modo kitro añ’afe’e hao
ty fiferenaiña’e?
Fa nilesa kitro-katroke hao
i nampitamae’ey?
9 Nihaliñon’Añahare hao ty fatariha’e?
nagabe’e an-kaviñerañe ao hao
i fitretreza’ey? Selà
10 Le hoe raho : Zao ty halemeako:
Ie ataoko ho mete miova
ty fitàn-kavana’ i Andindimoneñey.
11 Ho tiahiko ty fitoloña’ IÀ,
hahatsikaitse o raha tsitantane
nanoe’o haehaeo.
12 Ho hene tsakorèko o fitoloña’oo,
hereñerèko o tolon-draha’oo.
13 Ry Andrianañahare, masiñe* ty lala’o;
ia ty ndrahare ra’elahy
hañirinkiriñe aman’ Añahare?
14 Ihe ro Andrianañahare
mitolon-kalatsàñe!
fa naboa’o am’ ondatio ty haozara’o.
15 Nijebañem-pità’o ondati’oo,
o tarira’ Iakobe naho Iosefeo. Selà
16 Nahatrea Azo o ranoo,
ry Andrianañahare,
ie nahatrea azo i ranoy
le nivalitaboake !
nitabohazake i lalekey.
17 Nampikojojoake orañe o rahoñeo;
nigorogodoiñe i likerañey,
nimb’etia mb’atia ka o ana-pale’oo.
18 Tam-po’ i tangololahiy
ty fivola’ i ampi’oy;
nampireandreañe’ i helatsey
ty voatse toy!
nihondrahondra naho niozoñozoñe
ty tane toy.

---

* **77:13** Ies 35:8

19 Nitoañe’ i lala’oy i riakey,
i rano jabajabay ty nilalan-tsile’o;
vaho tsy nioniñe o liam-pandia’oo.
20 Narahe’o hoe lia-raike ondati’oo, am-pità’ i Mosè naho i Aharone.

# 78

*Fanoroa’ i Asafe* 1 Tsendreño o fañòhakoo ry ondatiko,
atokilaño mb’am-pivolañam-bavako
o ravembia’ areoo.
2 Ho sokafeko ty vavako handrazaña’e:
ho lañoneko razan-tsaontsy
miheotse boak’an-kaehae’e;
3 o jinanjin-tika naho fohin-tikañe vaho natalilin-droae aman-tikañeo.
4 Aa le tsy haetantika amo ana’ iareoo,
fa hatalilin-tika amo tariratse ho avio
ty fandrengeañe Iehovà, naho ty haozara’e vaho o fitoloña’e
ra’elahy nifonire’eo.
5 Fa noriza’e e Iakobe ao ty taroñe naho najado’e e Israele ao t’i Hake
linili’e aman-droaen-tikañey,
hañanara’ iareo o ana’ iareo,
6 hampahafohina’ iareo
ty tariratse ho avy,
naho o ajaja mbe hasamakeo,
hitroara’ iareo hañoke o ana’eo,
7 soa te ho aman’Añahare ty fatokisa’e, vaho tsy handikofa’ iareo
o fitoloñan’ Añahareo,
fe hambena’ iereo o lili’eo;
8 naho tsy hitsikombe o roae’ iareoo; tariratse mitangingìñe naho miola,
tariratse tsy nampifahatse troke,
tsy nigahiñe aman’ Añahare ty arofo’e.
9 Nimpitam-pale ninday fale
o ana’ i Efraimeo
f’ie niamboho tañ’ andro’ i hotakotakey.
10 Tsy nambena’ iareo
i fañinan’ Añaharey,
vaho nifoneñe tsy hañavelo amy Tsara’ey.
11 Nihaliño’ iareo o fitoloña’eo—
o halatsàñe naboa’e am’ iareoo,
12 o raha tsitantane nanoe’e añatrefan-
droae’ iareo e Mitsraimeo, an-tete’ i Tsòañe ao.
13 Finatsi’e i riakey naho nampisorohe’e mb’eo iereo!
najoha’e hoe votry i ranoy.
14 Le niaoloa’e an-drahoñe iereo
te antoandro,
naho an-kazavàñ’afo te haleñe
am-para’ te niporea.
15 Finoi’e o vato am-patrañeo,
finaha’e rano bey manahake i an-dalekey;
16 Nampitotsaha’e torahañe ty lamilamy vaho nampikararaha’e rano hoe oñe.
17 Fe mbe nandilara’ iareo,
niola amy Abo Tiañey
am-babangoañ’ añe.

18 Nitsohe’ iereo an-troke
t’i Andrianañahare,
nihalaly mahakama
ty amy hadrao’iareo.
19 Toe, nandrabio’ iareo
t’i Andrianañahare, ami’ty hoe:
Mahafañalankañe fandambañañe
an-dratraratra ao hao
t’i Andrianañahare,
20 Eka, finofo’e i vato
nampidoandoan-dranoy,
vaho nampanganahanae’e o torahañeo.
Aa vaho hahafanjotsoa’e mofo ka?
he ho fahana’e hena hao ondati’eo?
21 Aa ie jinaji’ IEHOVÀ,
le niforoforo ty fifombo’e,
naho namiañañe afo t’Iakobe,
vaho nionjoñe am’ Israele ty haviñerañe,
22 Amy t’ie tsy natoky an’Andrianañahare,
vaho tsy niatoa’ iareo ty fandrombaha’e;
23 Fe linili’e o rahoñe amboneo,
naho sinoka’e o lalambein-dindìñeo,
24 nampikojojoaha’e mane ho kamae’iereo;
nanjotsoa’e ampemban-dikerañe.
25 Nikama ty mofom-panalolahy ondatio! nampidobaña’e mahakama nahaeneñe!
26 Nampikofaohe’e an-dikerañe ey
ty tiok’ atiñanañe vaho
nitehafe’e an-kaozarañe i tiok’ atimoy.
27 Nampidoañe’e am’ iareo
ty hena hoe lemboke,
voroñe amañ’elatse
mira amo fasen-driakeo!
28 nampivotrahe’e aivo’
ty tobe’e ao,
niarikoboñe i Toem-pimoneña’ey.
29 Aa le nikama iareo vaho nianjañe
amy te nanjotsoa’e ty hasiji’ iareo.
30 Ie mboe nibòro ty drao’ iareo,
mbe tam-palie’ iareo ao i henay,
31 le nihelofe’ ty haviñeran’ Añahare
navetra’e o nanjofak’ am’iereoo,
vaho nampihotrahe’e o jinoboñ’ Israeleo.
32 Ie amy zay iaby, mbe nitolon-kakeo iereo, tsy niantoke
o fitoloña’e fanjakao.
33 Aa le nampigadoña’e an-kamodoañe
ty andro’ iareo,
naho an-kebahebake ty tao’ iareo.
34 Ie zinevo’e iereo, naho nipay aze,
nisoloho vaho nitsoeke
an’Andrianañahare,
35 le nahatiahy te lamilami’ iareo
t’i Andrianamboatse,

naho t’ie Mpijeba’ iareo
i Andrianañaharen-dindimoneñey.
36 Fe kinabea’ iareo am-palie;
vaho nandañitse am-pameleke.
37 Toe tsy nifahatse ama’e o arofo’ iareoo,
naho tsy nigahiñe amy fañina’ey.
38 Fe amy fitretreza’ey,
le hinaha’e o hakeo’ iareoo,
naho tsy rinotsa’e;
beteke natoli’e ty haviñera’e,
vaho tsy fonga nitroboa’e o fifombo’eo !
39 Nitiahi’e te nofotse avao iareo,
tioke mihelañe naho tsy mibalike.
40 Impire hao ty niodia’ iareo
am-patrambey añe,
vaho nampioje’Aze an-dratraratra añe?
41 Eka, niamboho naho nitsok’ an’Andrianañahare iereo,
vaho nanigike i Masi’ Israeley
42 Tsy nitiahi’ iereo ty fità’e,
i andro nijebaña’e iareo
amy rafelahiy,
43 Ie nampipoha’e e Mitsraime añe
o vilo’eo naho
an-tete’ i Tsòañe ao o halatsà’eo.
44 Nafote’e ho lio o saka’ iareoo,
vaho tsy nimete kamaeñe
o toraha’ iareoo.
45 Nañiraha’e laletse nifamorohotse,
namotseke, naho sahoñe nandrotsake.
46 Natolo’e amo oletseo
ty havokara’ iareo,
amo valalao ty tolim-pitoloña’ iareo.
47 Rinotsa’e ami’ty havandra
ty vahe’ iareo, naho
an-drano-panala o sakoa’ iareoo.
48 Nengae’e amy havandray
o añombe’ iareoo,
vaho an-kelatse nibelabela
o mpirai-tro’ iareoo.
49 Nahitri’e am’iereo ty fiforoforoa’e;
fifomboañe naho haviñerañe vaho hankàñe; firimboñan’ anjely mpandrotsake.
50 Nampimirae’e lalañe i haviñera’ey;
tsy navotso’e am-pihomahañe
ty fiai’iareo,
fa napo’e ho zamanen-kiria
ty havelo’ iareo
51 Binaibai’e ze hene tañoloñoloña’
i Mitsraime, ty lohan-kaozara’iareo
an-kiboho’ i Kame ao.
52 Nonjone’e hoe añondry ondati’eo;
vaho niaoloa’e mb’am-babangoañe añe hoe lia-raike.
53 Nindese’e tsy nolañeñe,

le tsy nihembañe iereo,
vaho nampiopoe’ i riakey o rafelahio.
54 Nindese’e mb’an-tane’e miavake mb’eo, sikala’ami’ty vohitse
vinilim-pità’e havana toy.
55 Rinoa’e aolo’ iareo ka o kilakila’ndatio;
le zinara’e an-taly ty lova’ iareo,
vaho nampitobea’e amo akiba’
iareoo o fifokoa’ Israeleo.
56 F’ie nangala-pañahy naho niola aman’Añahare Andindimoneñe, vaho tsy nambena’ iereo o taro’eo;
57 Te mone nibalintoa naho nañorike
ty tsy fatokisan-droae’ iareo;
niolake hoe fale mibatriotse.
58 Ie nikai-jaka ama’e
amo tamboho’ iareo;
vaho nampamarahy aze
amo raham-pahasive’iareoo.
59 Nahajanjiñe t’i Andrianañahare
le nifombo vaho niheje’e vintañe t’Israele.
60 Le naforintse’e ty kivoho’e e Silo ao, i akiba nanoe’e
himoneña’e añivo’ondatioy.
61 Nasese’e mb’ am-pandrohizañe
añe ty haozara’e,
le am-pità’ o rafelahio ty enge’e.
62 Natolo’e ami’ty fibara ka ondati’eo,
naha-fiforoforo Aze i lova’ey.
63 Nabotse’ ty afo o ajalahi’eo;
naho tsy nanan-tsabo haonjoñe
o somondrara’eo.
64 Nampikorovohem-pibara
o mpisoro’ iareoo,
naho tsy nahafandala o remavoi’ iareoo.
65 Nivañoñe amy zao t’i Talè
hoe nirotse,
manahake ty fanalolahy niopoen-divay.
66 Nampipolie’e an-dafa o rafelahi’eo,
le nametsaha’e hasalarañe tsy modo
kitro katroke.
67 Mbore nifarie’e ty kivoho’ Iosefe;
le tsy jinobo’e ty tarira’ i Efraime.
68 Fe ginene’e ty fifokoa’ Iehodà,
i vohy Tsiône nikokoa’ey.
69 Rinanji’e hoe o haboañeo
i toe’e miavakey,
manahake ty tane naore’e ho nainai’e
tsy ho modo toy.
70 Jinobo’e ka t’i Davide mpitoro’e,
rinambe’e amo golobon’añondrio.
71 Boak’ am-piarahañe o añondry
mampinonoo ty nendesa’e aze
hiaraha’e o tiri’ Iakobe ondati’eo,

naho Israele lova'ey
72 Nifahana'e añ' arofo-vañonañe le niaoloa'e am-pitàñe mahimbañe.

## 79

*Sabo' i Asafe* 1 Ry Andrianañahare, tinorotosi'
o kilakila 'ndatio* ty lova'o;
fa tiniva' iereo i anjomba'o Masiñey
zinevo' iereo ho am-botri-am-botry
t'Ierosalaime .
2 Finaha'e ami'ty fañova' o mpitoro'oo
o voron-dikerañeo;
naho ami'ty nofo' o nigahiñ' ama'oo
o bibi' ty tane toio.
3 Nadoandoañe hoe rano mb'eo mb'eo
e Ierosalaime ao ty lio' iareo;
ie tsy amam-pandenteke.
4 Fifosà' o am-paripari'aio zahay,
mandrabioñe naho mitsikike anay o mañohok' anaio.
5 Pak'ombia ry IEHOVÀ?
ho viñera'o nainai'e hao?
Sikal'ombia ty mbe hibebañe
hoe afo ty famarahia'o?
6 Adobaño amo kilakila ondaty tsy
mahafohiñ'Azoo ty haviñera'o;
naho amo tane tsy mikanjy i tahina'oio.
7 Fa nabotse' iereo t'Iakobe, naho
nanoeñe tanàn-taolo ty fimoneña'e.
8 Ko tiahie'o ama'ay o hakeon-drae'aio,
ampisalakao anay masìka
o fiferenaiña'oo,
fa nafotsak' ambane.
9 Imbao, ry Andrianañaharem-
pandrombahañ' anay!
Ty amy enge' i tahina'oy;
avotsoro, vaho saroño
o hakeo'aio ty amy tahina'oy.
10 Aa vaho akore ty atao' o kilakila
ondatio ty hoe :
Aia t'i Andrianañahare' iareo?
Ampahafohino o fifeheañeo
ampahaisaha'ay
ty famaleañe o liom-pitoro'o nadoañeo.
11 Ampiatrefañ' Azo
ty fitretretretre' o mpirohio;
ty ami'ty harà' elahin-kaozara'o;
hahao o tinendre havetrakeo.
12 Le valeo im-pito añ'araña'
o mañohok' anaio, o tivetive
nafokafoka'e ama'oo ry Talè.
13 Soa te hañandriañe Azo nainai'e zahay ondati'o naho

* **79:1** Sab 79:6-7; 74:1-23, Ies 63:18, Iir 51:51, Fir 1:10, Dan 8:13, 11:31, Mat 24:15

añondrim-piandraza'oo ,
vaho hatalili'ay amy ze hene tariratse
kitro añ'afe'e ty enge'o.

# 80

*Ho a i Talè, ami'ty feo: Antsivam-pivory, titiheñe amo Marovanio. Sabo' i Asafe.*

1 Toloro ravembia ry Mpiarak' Israele,
ry Mpiaolo' Iosefe hoe t'ie lia-raike;
ry Mpiambesatse ambone' o kerobeo,
mireandreaña !
2 Tsekafo añatrefa' i Efraime naho
i Beniamine naho i Menase ty haozara'o vaho mb'etoa hañimba anay !
3 Ry Andrianañahare, Ampolio zahay
naho ampireandreaño laharañe,
soa te ho tra-drombake zahay.
4 O ry IEHOVÀ Andrianañahare' i Màroy,
pak'ombia ty mbe hiviñera'o
ty halali' ondati'oo?
5 Nazotso'o mofon-dranom-pihaino,
naho nampigenohe'o ranomaso
am-pitovy telo.
6 Ampanivetivè'o ondaty mañohok'anaio; vaho vereverè' o rafelahi'aio.
7 Ry Andrianañahare' i Màroy.
Ampolio zahay,
ampireandreaño ty lahara'o,
soa t'ie ho tra-drombake.
8 Nitsongoe'o boak'e Mitsraime ty vahe;
rinoa'o o kilakila'ndatio naho naketsa'o.
9 Nihatsafe'o ty tane aolo'e eo,
naho nampandaleke o vaha'eo,
vaho nanitsife'o i taney.
10 Nikopahe' i alo'ey o vohitseo;
naho o tsampa'eo o mendoraveñe ra'elahio.
11 Nandrevake mb'amy riakey* o ra'eo,
naho pak'amy sakay añe o tora'eo.
12 Aa vaho akore ty nandrotsaha'o o fahe'eo, hitimpona' ze miary eo,
13 Troatroae' ty lambon' ala,
vaho abotse' ze misitsitse an-kivoke ey.
14 Ry Andrianañahare' i màroy,
Ehe, Mibaliha, mijilova boak' an-dikerañe ao naho vazoho vaho tiliho ty vahe toy,
15 Eka! i tora'e naketsam-pitàn-kavana'oy, i ana-dahy nampaozare'o ho Azoy,
16 finorototo' ty afo, finira,
mihomake ami'ty fitrevohan-dahara'o.
17 Anampezo fitàñe indatim-pitàn-kavana'oy, i ana' ondaty nampifatrare'o ho Azoy.
18 Vaho tsy hiambohoa'ay;
Ehe sotraho, hikanjia'ay ty tahina'o.
19 Ry IEHOVÀ Andrianañahare' i Màroy; Ampolio zahay,
ampireandreaño ama'ay ty lahara'o,
vaho ho tra-drombake.

* **80:11** Riake: i Mediteraney

# 81

*Ho a i Talè, Sabo' i Asafe Titiheñe amo Marovanio* 1 Misaboa aman'Añahare
haozarantika;
mipazaha an-drebeke aman'Añahare' Iakobe.
2 Araho an-tsabo !
Pehopeho ty kantsàñe;
titiho ty jejo mamy-feo reketse marovany.
3 Tiofo amy jiri-bolañey ty antsiva,
amy pea-bolam- pamantañan-tikañey.
4 Fañè* ho a i Israele;
fepèn' Andriananañahare' Iakobe.
5 Noriza'e am'Iehosefe† ho taroñe,
ie niavotse le nanitsike ty tane' i Mitsraime;
naho tsinanoko ty saontsy tsy napotako.
6 Nahahako an-tsoro'e eo i kilankañey,
navotsotse amy lietsey o fità'eo.
7 Kinanji'o t'ie niampoheke,
le rinombako;
nanoiñe azo am-pikafiran' ampiñe ao;
nitsoheako an-drano Meriba añe. Selà
8 Janjiño ry ondatiko, le ho toroako,
ry Israele, hera ho haoñe'areo.
9 Tsy ho ama'ndrahare hafa rehe,
tsy hitalaho
amo saren-drahare ila'eo.
10 Zaho IEHOVÀ Andriananañahare'o
ninday azo boak'an-tane' Mitsraime añe.
atañatañao ty falie'o, le hetsaheko.
11 Fe nihiritsiritse amako ondatikoo
vaho nanjehats' ahy t'Israele.
12 Aa le napoko horihe' iereo
ty hagàn' arofo' iareo,
homb'am-pisafiri' iareo avao.
13 Aa naho nijanjiñe ahy ondatikoo!
naho nañavelo amo lalakoo t'Israele,
14 le ho nampitsolofiñeko aniany
o malaiñe iareoo;
vaho ho natoliko ty tañako hiatreatre
o rafelahi' iareoo!
15 Nioniñe te tsy to añatrefa' IEHOVÀ
o malaiñe azeo,
fe ho nainai'e eo t'Israele.
16 Le hanjotsoa'e ampemba soa iereo,
naho hanjañeko an-tantele boak'am-bato ao.

# 82

*Sabo' i Asafe* 1 Mijohañe am-pivorim-panalolahy
t'i Andriananañahare;
mizaka añivom-pizaka eo.
2 Pak'ombia ty mbe izakà' areo ami'ty tsy hiti'e,

---

* **81:4** Sor 23:24, Num 10:10, 29:1 † **81:5** Iehosefe: Iosefe tinovoñ' i tahinan'A'har

hañonjonañe o tsivokatseo? Selà
3 Meo tò o rarakeo naho o bode-raeo;
tohaño ty zo' o poie'eo naho o misotrio.
4 Hahao o mahàtrao naho o malorèo;
avotsoro am-pità' o lo-tserekeo.
5 Tsy mahilala iereo, naho tsy mahafohiñe, mirererere añ'ieñe ao avao;
fa naveve iaby o faha' ty tane toio.
6 Nanao ty hoe raho: Mpizaka* nahareo
songa anak' i Andindimoneñey.
7 Fe hikoromake hoe ondaty avao,
hikorovoke manahake ty raike
amo roandriañeo.
8 Miongaha, ry Andriananañahare,
zakao ty tane toy,
fa kila ho lovae'o o fifeheañeo.

# 83

*Sabo' i Asafe, Takasy* 1 Ko mianjiñe ry Andriananañahare
ko mimosy vaho ko mañamahama,
ry Andrianamboatse!
2 Heheke, miroharoha o rafelahi'oo,
mivoala-doha o malaiñe Azoo.
3 Hikililie' iareo ondati'oo;
mivory hikinia o mipalitse ama'oo.
4 Antao, hoe iereo, haitoan-tika
tsy ho fifeheañe ka.
soa tsy ho tiahy ka ty añara' Israeley.
5 An-troke miraike t'ie mikinia,
mifañina fanjeharañe ama'o.
6 O kiboho' i Edome naho Ismaeleo;
i Moabe, naho o nte Hagìo,
7 i Gebale naho i Amone,
naho i Amaleke;
i Pilisty vaho o mpimone' i Tsoreo.
8 Rekets' am' iareo ka t'i Asore;
le fitañe am'iareo o ana' i Loteo. Selà
9 Ampanahafo amy nanoa'o amy Midiane,
amy Sisera vaho am' Iabene
an-torahan-Kisone añe,
10 i narotsake Endora añe rey,
ninjare litsake amy taney.
11 Ampihambaño amy Orebe
naho amy Zeèbe o roandria'eo,
fonga hanahak' i Zebake naho i Tsalmonà
o ana-dona' iareoo
12 ie nanoa'iareo ty hoe:
Antao hitavañe o fiandrazen' Añahareo!
13 O Andriananañahareko,
anò hoe talìon-deboke iereo,
hoe kafokafo miatre-tioke !
14 Manahake ty afo mamorototo ala,

---

* **82:6** elohim: a'hare maro, mpizaka, anjely,

naho ty foroha mampisolebatse
o vohitseo;
15 Aa le horidaño amy tangololahi'oy;
le ampihembaño ami'ty tio-bei'o.
16 Liforo hasalarañe ty vìnta' iareo,
hipaia'e ty tahina'o*, ry IEHOVÀ.
17 Ie ho salareñe naho
hangebakebake nainai'e,
eka ho meñareñe naho hikoromake.
18 Hahafohina' ondatio te Ihe avao,
ro kanjieñe ty hoe IEHOVÀ,
Andindimone' ty tane toy.

# 84

*Ho a i Talè: Sabo' o Ana' i Korao; amo Marotalio* 1 Honh! hamotsontane ty kivoho'o
ry IEHOVÀ' i Màroy !
2 Misalala ty foko, eka tsìpike ty sihisihy
ty amo kiririsa' IEHOVÀo.
Mirebek' aman' Añahare
veloñe ty troko naho ty sandriko.
3 Hehe, nahatrea traño ty jorioke,
naho hàlañe ho aze i tintiñey,
hañopake o ana'eo
amo kitreli'oo ry IEHOVÀ' i Màroy,
Mpanjakako naho Andrianañahareko!
4 Haha o mimoneñe añ'anjomba'o ao,
mandrenge Azo nainai'eo. Selà
5 Haha t'indaty naho ihe ro haozara'e,
añ'arofo'iareo
o lalam-pamantañañeo.
6 Ie miranga am-bavatanem-
pirovetañe* ao,
le ampanjarie'e tane manganahana,
vaho saroña' i oran-jobay fañanintsiñe!
7 Mañavelo an-kaozarañe
orihen-kafatrarañe iareo,
songa miatrek' an'Andrianañahare
e Tsiône ao.
8 Ry IEHOVÀ Andrianañahare'
i Màroy, janjiño ty halaliko;
toloro ravembia,
ry Andrianañahare' Iakobe. Selà
9 Vazohò ry Andrianamboatse
Mpikalan-defo'aiy,
isaho ty lahara' i noriza'oy.
10 Soa te ami'ty andro arivo,
ty andro raik' an-kiririsa'o ao;
hamake te mpañamben-dalam-
bein' anjomban'Añahareko raho,

* **83:16** Sab 44:21-22, 74:18, Ies 52:5, Iir 23:26-27 * **84:6** Heb: Baka

ta te himoneñe an-kiboho'
o lo-tserekeo.
11 Masoandro vaho fikalañe
t'IEHOVÀ Andriananãhare,
Mpanolotse falalàñe naho engeñe
t'IEHOVÀ: tsy eo ty raha soa
ho tana'e amo mañavelo
an-kavantañañeo.
12 O ry IEHOVÀ' i Màroy,
haha t'indaty miato ama'o.

## 85

*Ho a i Talè : Sabo' o Ana' i Korao* 1 Ry IEHOVÀ nisohe'o ty tane'o;
nafote'o ty fañondevoza' Iakobe;
2 napo'o ty tahi'ondati'oo
Fonga nakopo'o o hakeo' iareoo; Selà
3 nasita'o iaby ty fifombo'o;
niambohoa'o ty fiforoforoan-kaviñera'o.
4 Ampolio zahay ry Andriananãharem-
pandrombahañ' anay,
vaho apoho ty helo'o ama'ay.
5 Ho viñera'o nainai'e hao zahay?
Hampitoie'o an-tariratse kitro
añ'afe'e hao, o helok'añ'arofo'oo?
6 Tsy ihe hao ty hameloñe anay indraike,
hirebeha' ondati'oo?
7 Atorò anay ty fiferenaiña'o,
ry IEHOVÀ,
toloro o fandrombaha'oo.
8 Ho tsendreñeko ty ho tsarae' IEHOVÀ
Andriananãhare;
fa fañanintsiñe ty taroñe'e am'
ondati'eo naho amo noro'eo;
le ee abey t'ie tsy hibalintoa mb'an-kadagolàñey.
9 Toe marine' o mañeveñe ama'eo
ty fandrombaha'e,
hitobea' o enge'eo an-tanen-tikañ' ao.
10 Mifañaoñe ty fiferenaiñañe
naho ty hatò;
mifañondroke ty havantañañe
naho ty filongoañe.
11 Mivoañe hirik'an-tane ao ty hatò,
mijilo hirik'an-dikerañe añe
o havantañañeo.
12 Eka, hanjotso ty soa t'IEHOVÀ,
vaho hañomey ty voka'e ty tane'ay toy.
13 Hiaolo Aze ty havañonañe,
hañajaria'e lalañe ho liam-pandia'e.

## 86

*Halali' i Davide* 1 Atokilaño ty ravembia'o

ry IEHOVÀ, le toiño raho,
fa rarake naho misotry.
2 Ambeno ty fiaiko, fa mañorike Hake,
Ihe ry Andrianañahareko, rombaho
o mpitoro'o mipalitse ama'oo.
3 Tretrezo raho, ry Talè,
zaho mitoreo lomoñandro.
4 Ampifaleo ty fiaim-pitoro'o,
fa Ihe, ry Talè, ro añonjonako troke.
5 Amy te Ihe, ry Talè, ro soa,
naho veka'e hañaha hakeo,
vaho lifotse fiferenaiñañe
ho amo mikanjy Azo iabio.
6 Toloro ravembia, ry IEHOVÀ, i halalikoy,
vaho haoño ty feom-pisolohoako.
7 Hikanjiako ami'ty androm-pañemberañ' ahiko,
amy te hanoiñe ahy rehe.
8 tsy eo ty fanalolahy hambañ'ama'o ry Talè;
vaho tsy eo ty fitoloñañe
manahake o Azoo.
9 Ze kila ondaty nitsenè'o,
ro homb' ama'o mb'eo hitalaho,
ry Talè, hibango ty tahina'o.
10 Jabahinake 'n-Iheo,
mpanao raha tsitantane;
Ihe avao ro Andrianañahare.
11 Anaro ahy i lala'oy, ry IEHOVÀ,
hitsontihako ami'ty hatò'o;
anò tro-tokan-draho hañeveñako
i tahina'oy.
12 Hañandriañe Azo raho, ry Talè
Andrianañahareko, an-kaliforan' troke,
vaho ho bangoeko nainai'e ty tahina'o.
13 Hinakinake ty hafatram-pikokoa'o amako, naho navotso'o ami'ty
halalen-tsikeokeok' ao ty fiaiko.
14 O Andrianañahare, fa mitroatse
amako o mpirengevokeo;
vaho mipay hañe-doza amako
o lo-tsereke miotrañeo,
ie tsy nampijadoñ' azo aolo' ty maso' iareo.
15 Fa Ihe, Talè, ro Andrianañahare
bey tretrè naho hasoa,
malaon-kaviñerañe,
vaho lifo-piferenaiñañe naho ty hatò.
16 Mitoliha amako, le matariha,
ehe, andivao amo mpitoro'oo ty haozara'oo
vaho rombaho ty anak'am-pata'o.
17 Ehe, anoloro vilon-tsoa,
hahaisaha' o malaiñe ahikoo hisalara'e,
amy te Ihe, ry IEHOVÀ, ro nañimba ahy
vaho nañohò ahy.

# 87

*Sabo' o Ana' i Korao, Arahen-titike* 1 Amo vohitse miavakeo o faha'eo;
2 Kokoa' IEHOVÀ mandikoatse ze hene
kiboho' Iakobe o lalam-bein-Tsiôneo.
3 Raha fanjaka ty saontsieñe ty ama'o,
ry rovan'Añahareo : Selà
4 Ho talilieko i *Rahabe naho i Bavele o mahafohiñe Ahikoo;
heheke ty Pilistý, naho i Tsore,
miharo amy Kose;
Nisamak' añe ty raike toy.
5 Fe ho volañeñe ty hoe e Tsiône ao :
Intoy naho intia ro toly ama'e ao,
i Andindimoneñey
ty mañoreñ' aze.
6 Hañiake t'IEHOVÀ,
ho volilie'e ondatio:
Nisamak' ao toy. Selà
7 Aa le hanao ty hoe o misaboo
naho o mitsolio,
hene ama'o o fandoparakoo.

# 88

*Sabo' o ana' i Kora, Ho a i Talè, titiheñe ami'ty feo: Ty Hasotria' o Hasilofañeo. Fanoroa' i Hemane nte-Ezrà.* 1 Ry IEHOVÀ, Andriananañaharem-
pandrombahañe ahiko,
itoreovako handro an-kaleñe
añatrefa'o,
2 Ehe te hiatrek' azo ty halaliko;
atokilaño mb'amy fikaihakoy ty ravembia'o;
3 Fa losotse ty hasosoram-piaiko,
vaho manòto-kibory* ty haveloko.
4 Volilieñe amo migodoñe
mb'an-davak' ao raho;
hoe ondaty nipitso-pañimba.
5 Mihoriñe amo vilasio raho,
manahake o vinono mitsalalampatse
an-kiborio,
o tsy tiahi'o kañeo,
o naito am-pità'oo.
6 Navotra'o ami'ty loho herakerak' ao
an-toe'e mimoromoroñe an-dalek' ao.
7 Napok' amako o fifombo'oo, naho naniloke ahy o kinera'oo. Selà
8 Fa naveve'o lavitse ahy o rañekoo,
nampirihie'o ahiko.
migoboñe atoan-draho tsy mahafiakatse;
9 Mitike amy hasotriakoy o masokoo.
fa nikanjieko boak'andro, ry IEHOVÀ;
fa namelarako tañañe.
10 Hanoa'o raha tsitantane hao o loloo?
Hitroatse hañandriañ' Azo

---

* **87:4** Mitsraime zay * **88:3** Seoly : tsikeokeoke

hao o angatseo? Selà
11 Ho talilieñe an-donak’ ao hao
ty fiferenaiña’o?
an-tsikeokeok’ ao hao
ty figahiña’o?
12 Hampahafohineñe am-pimoromoroñañe ao hao o halatsà’oo,
naho an-tanem-pandikofañe
ao hao ty havañona’o?
13 Aa naho zaho, ihe ry IEHOVÀ ty itoreovako; mifanalaka ama’o boak’andro
o halalikoo.
14 Ry IEHOVÀ akore te farie’o ty fiaiko?
Ino ty añetaha’o laharañ’ amako?
15 Nalovilovy ho nikenkan-draho
ampara’ ty nahajalahy ahiko,
fa nivavèko ty hetraketra’o,
vaho voretra.
16 Fa nandipotse ahy
ty fifombo’o miforoforo;
vaho fa nañito ahy
ty firevendreveñañe ama’o.
17 Niropak’ amako lomoñandro hoe rano, le nanaron-kohok’ ahy.
18 Toe nampihankàñe’o amako
ty mpikoko naho rañetse;
atehenako ty hamoromoroñañe.

# 89

*Fanoroa’ i Etane nte-Ezrà* 1 Ho saboeko nainai’e
ty fiferenaiña’ IEHOVÀ,
hampahafohineko am-bava
ze hene tariratse mifandimbe
ty figahiña’o.
2 Fa hoe raho: mioreñe nainai’e
ty fiferenaiñañe,
najado’o andindiñe ao ty figahiña’o.
3 Nanoeko fañina amy jinobokoy,
nifanta amy Davide mpitorokoy:
4 Hajadoko pak’añ’afeafe’e o tarira’oo,
naho hatroako amo hene tariratseo
ty fiambesam-panjakà’o. Selà
5 Ho rengè’ o likerañeo o halatsà’oo
ry IEHOVÀ, naho ty figahiña’o
am-pivori’ o noro’oo.
6 Fa ia an-dikerañe ao ty
mañirinkiriñe am’ IEHOVÀ?
Ia amo ana’ o manjofakeo ty
hambakambañe am’ IEHOVÀ?
7 I Andriananañahare
añeveña’ ty fivori’ o noro’eo;
hene ilatsa’ o miariseho’ azeo.
8 Ry IEHOVÀ Andriananañahare’ i Màroy,
ia ty mañirinkiriñe azo?
Ry IÀ maozatseo, ohoñe’ty figahiña’o.

9 Fehe’o ty fitroña’ o riakeo,
ie mitroatse o alo’eo le ampipendreñe’o.
10 Dinemodemo’o ty Rahabe
manahake o vinonoo;
binaibaim-pitàn-kaozara’o o rafelahi’oo.
11 Azo o likerañeo, Azo ka ty tane toy;
ty voatse toy naho ty halifora’e.
Ihe ro nañoreñe iareo.
12 Ty avaratse naho ty atimo,
songa nitsenè’o;
rebehe’ i Tabore naho i Kermone
ty tahina’o.
13 Maozatse ty sira’o, fatratse ty fità’o,
mionjoñe ty fitàn-kavana’o.
14 Ty havañonañe naho ty hatò
ro fioreñam-piambesa’o;
iatrefa’ ty fiferenaiñañe
naho ty havantañañe.
15 Haha t’ondaty mahafohiñe
i fipoñafam-peoy,
Hañavelo ami’ty fireandrean-
dahara’o iereo, ry Iehovà;
16 I tahina’oy ty hitreña’ iareo
lomoñandro,
ie onjoñe’ ty havantaña’o.
17 Ihe ro enge’ ty haozara’iareo,
mañonjoñe ty tsifa’ay ty fañosiha’o.
18 A i Iehovà ty fikalan-defo’ay,
a i Masi’ Israeley ty Mpanjaka’ay
19 Teo ty nitsarae’o añ’aroñaroñe
amo noro’oo, ty hoe:
fa nìmbaeko i fanalolahiy;
fa nonjoneko ty jinoboñe am’ ondatio,
20 nitreako t’i Davide mpitoroko;
i norizako amy soliko miavakeiy.
21 Ho gañe ama’e ty tañako,
hampaozatse aze ka ty sirako
22 Tsy hamañahy aze o rafelahio,
tsy hampilovilovy aze i anan-karatiañey.
23 Ho demoheko añatrefa’e
o rafelahi’eo,
vaho ho zevoñeko o malaiñ’azeo.
24 Ho ama’e ty figahiñako naho
ty fiferenaiñako,
ty añarako ro fañonjonañe ty tsifa’e.
25 Hasampeko amy riakey ka ty fità’e,
naho ty fitàn-kavana’e amo sakao.
26 Ho kanjie’e ami’ty hoe: Ihe ro Raeko,
Andrianañahareko, vaho
ty lamilamim-pandrombahañe ahiko.
27 Hanoeko tañoloñoloñako re

ho talèm-panjaka’ ty tane toy.
28 Hambenako ami’ty fiferenaiñako nainai’e, le hijadoñe ama’e ty fañinako.
29 Haoreko tsy ho modo nainai’e
o tarira’eo,
ho mira amo
andron-dikerañeo ty fiambesa’e.
30 Aa naho zehare’ o ana’eo i Entakoy
naho tsy mañavelo amo fepèkoo,
31 naho lilare’ iareo o fañèkoo, vaho tsy mitañ’ o fandiliakoo,
32 Le ho tiliheko an-kobaiñe ty fiolà’ iareo,
naho am-pòfoke o tahi’ iereoo.
33 Fe tsy hasintako ama’e
ty fiferenaiñako,
vaho tsy hivalik’ ami’ty figahiñako.
34 Tsy ho tivaeko i fañinakoy,
ndra hañova ze naakan-tsoñiko.
35 Teo ty nifantàko ami’ty hamasiñako,
—zaho tsy handañitse amy Davide—
36 Tsy ho modo nainai’e i tiri’ey,
vaho manahake i masoandro aolokoy i fiambesa’ey;
37 hioreñe nainai’e re manahake i volañey,
vaho higahiñe manahake
i valolombelon-dikerañey. Selà
38 Fe sinoi’o añe raho, nifarieñe,
niviñera’o i noriza’oy.
39 Novohe’o ty fañina’o amy mpitoro’oy; nitivae’o an-debok’ao ty sabakan-enge’e.
40 Fonga tinorotosi’o o kijoli’eo
narotsa’o iaby o rova’eo.
41 Ikopaha’ ze hene miary eo;
Andrabioña’ o mifankarine ama’eo.
42 Naonjo’o ty tañan-kavana’
o malaiñe azeo;
nampirebehe’o o rafelahi’e iabio;
43 Mbore nafote’o i lelam-pibara’ey
le tsy ampijohañe’o an-kotakotak’ ao.
44 Najihe’o ty enge’e, naho
navokovoko’o an-tane eo i fiambesa’ey.
45 Nitomore’o o andron-katora’eo, kinolopo’o hasalaran-dre. Selà
46 Pak’ombia ry IEHOVÀ?
Hietake nainai’e v’iheo?
Sikala ombia ty hiforoforoa’
ty fifombo’o hoe afo?
47 Tiahio ty habori’ o androkoo,
akore ty hakoahañe nitsenè’o
ze kila ana’ ondaty !
48 Ia t’indaty veloñe tsy ho liàn-kavilasy,
ho haha’e ami’ty haozara’
i kiboriy hao ty fiai’e? Selà
49 Aia o fiferenaiña’o haehaeo, ry Talè,
ze nifantà’o amy Davide ami’ty figahiña’o?
50 Tiahio ry Talè, ty fañivañivañe

i mpitoro’oy,
ie otroñeko añ’arañako ondaty maroo,
51 ie kinizakiza’ o rafelahi’oo, ry IEHOVÀ,
ie ninjè’ iareo o lia’ i noriza’oio;
52 Andriañeñe nainai’e t’IEHOVÀ.
Ie zay, naho Amena.

## Fange Faha IV

*Sabo 90 - 106*

# 90

*Ty Filoloha’ i Mosè, Ondatin’ Añahare* 1 Ry Talè, Ihe ni-fimoneña’ay amo tarira’ay
iabio.
2 Ie mboe tsy toly o vohitseo
mboe tsy tsinene’o ty tane toy
naho ty voatse toy,
boak’ an-kaehae hambo’e añe
pak’ an-kitro añ’afe’e añe,
Ihe ro Andrianañahare.
3 Ampolie’o mb’an-debok’ ao ondatio
ami’ty hoe:
Mimpolia ry ana’ondaty.
4 Fa arivo taoñe am-pivazohoa’o ty andro raike
toe hoe omale te nihelañe, ie
manahake ty fiambenañe an-kaleñe.
5 Sinao’o añe hoe an-tsorotombake iereo, le miròtse,
f’ie maraiñe, le hoe ahetse mipitsipitsike.
6 Mioboñoboñe te maraindraiñe
mbore mitombo,
ie hariva miheatse vaho miforejeje.
7 Toe mongore’ ty haviñera’o zahay,
mampangebahebak’ anay ty fifombo’o.
8 Fa napo’o añatrefa’o o tahi’aio,
am-pireandrean-dahara’o eo
o hakeo’ay mietakeo.
9 Fonga mihelañe ami’ty fifombo’o
o andro’aio;
fa nagado’ay hoe fiselekaiñañe o tao’aio.
10 Ty andro’ o tao’aio le fitompolo taoñe;
mete ho valo-polo, t’ie maozatse;
fe hamokorañe naho
fangoakoahañe avao ty enge’e,
migadoñe aniany, vaho mitiliñ’añe.
11 Ia ty mahafohiñe ty haozara’
o haviñera’oo?
naho ty fañeveñañe mañeva Azo
ty ami’ty fifombo’o?
12 Aa le anaro zahay hañiake o andro’aio,
hahazoa’ay arofo mahihitse.
13 Mimpolia ry IEHOVÀ ! Ombia?
iferenaiño o mpitoro’oo
14 Eneño an-kafatraram-pikokoa’o

te maraindray zahay,
hirebeha’ay naho hifalea’ay amo
hene andro’aio.
15 Ampifaleo mira amo andro
nampisotria’o anaio,
naho amo taoñe nahaisaha’ay haratiañeo.
16 Fa halange amo mpitoro’oo
o fitoloña’oo,
naho ty enge’o amo ana’ iareoo.
17 Ho aman-tika ty fañisoha’ i Talè Andrianañahare’ay;
ajadoño ty tolom-pità’ay;
eka aoreño o satam-pità’aio.

# 91

1 I mpimoneñe am-pipalira’
i Andindimoneñeiy,
ty hitoetse añ’alo’ i El-Sadai ao,
2 Hanoako ty hoe t’Iehovà:
Ty fiampirako, ty rova fitsolohako,
i Andrianañahare fiatoakoy.
3 Ie ty mpañaha azo boak’
am-bitsom-pamandri-boroñe ao,
naho boak’ amy biloka mahahomakey.
4 Haholonkolo’e am-bolon-ela’e ao rehe,
ambane’ o ela’eo ty hipalira’o;
fikalan-defo naho fikala-meso
ty hatò’e.
5 Tsy hahahembañ’ azo
ty hetraketrak’ an-kaleñe,
ndra ty ana-pale mihiririñe
an-tariñandroke.
6 Ndra ty kiria mitingañe añ’ieñe ao
ndra ty angorosy mamotsake
naho antoandro.
7 Arivo ty mete hikorovok’ añ’ ila’o eo,
le rai-ale ty am-pitàn-kavana’o eo,
f’ie tsy hitotok’ azo.
8 O fihaino’oo avao ro hisamba,
hahaisake ty fandilovañe o lo-tserekeo.
9 Amy te Iehovà, fitsolohako,
i Andindimoneñey,
ty nanoe’o fimoneñañe,
10 Tsy hidoiñe ama’o ty hankàñe,
tsy hitotofan-angorosy ty akiba’o,
11 Fa hafanto’e ama’o o anjeli’eo,
hañambeñe azo amo lia’o iabio;
12 hañotrotroa’e am-pità’e ao,
tsy mone hadasi’o ami’ty vato ty fandia’o.
13 Ho lià’o ty liona naho ty fandrefeala;
ho hitsakitsahe’o ambanem-pandia’o eo
ty liona-tora’e naho i mereñey.

14 Kanao ifahara’e koko, ho hahako,
havotrako an-kaboañe ey
amy te fohi’e ty añarako.
15 Ho kanjie’e, le ho toiñeko;
hindrezako te am-poheke,
ho votsorako vaho ho tolorako asiñe.
16 Heneñeko halava’ havelon-dre;
vaho hampahaoniñeko aze
ty fandrombahako.

# 92

*Sabo. Ho titiheñe ami’ty Sabotse* 1 Soa ty mañandriañe IEHOVÀ,
ty misabo vaho mibango
o tahina’oo ry Andindimoneñey,
2 ty hitalily ty fiferenaiña’o
boa’maraiñe;
naho ty figahiña’o an-kaleñe,
3 ami’ty marovany folo-taly,
naho ami’ty mandalina,
vaho ami’ty fandrimotam-peon-jejo-bory.
4 Amy te Ihe ry IEHOVÀ ro mahaehak’ ahy amo fitoloña’oo,
irebehako o tolom-pità’oo.
5 Akore ty hajabahina’ o tolon-draha’oo
ry IEHOVÀ,
toe miheotse o fivetsevetse’oo !
6 Tsy aman-kilala t’indaty mineñe,
tsy maharendreke zao ty dagola:
7 t’ie mitiry hoe ahetse o lo-tserekeo,
naho fonga miraorao o tsy vokatseo,
f’ie hafàtse ho rotsaheñe kitro katroke.
8 Fa Ihe ry IEHOVÀ ro an-digiligy eñe
nainai’e donia.
9 Heheke o rafelahi’oo ry IEHOVÀ;
Ingo te hikoromake o malaiñ’ Azoo;
Fonga hibaibay ze mpanao raty.
10 Fa naonjo’o ty tsifako
manahake ty an-drimo,
fa hinosotse solike vao raho.
11 Le hahatrea ty fisalalako
amo rafelahikoo’ o masokoo
vaho ho tsanoñen-tsofiko
ty fañiriako amo tsereheñe
mivoalatse amakoo.
12 Handrevake hoe satrañe o vantañeo,
manahake ty fitiria’ o akao
e Libanoneo ty hitomboa’e;
13 Tinongy añ’anjomba’ IEHOVÀ ao,
hitroñe an’kiririsan’Añahare eo.
14 Mbe hiregorego iereo te antetse,
ho lifo-dranoke naho hirimboñe,
15 hitaroñe te vañoñe t’IEHOVÀ,
lamilamiko, tsy ama’e ty tsy to.

# 93

1 Hifehe t'Iehovà, hisikim-bolonahetse, hisaron-kaozarañe t'Iehovà, toe hidiañe,
Eka, mioreñe ty voatse toy, tsy hasitse.
2 Fa norizañe haehae i fiambesa'oy,
boake tsietoimonek' añe 'n-Iheo.
3 Fa mionjoñe o afo-ranoo, ry Iehovà,
nipoña-peo o sorotombaha'eo;
mañonjoñe ty fitroña'e i fiepoepoañey.
4 Ambone' ty fitroña' o alon-driakeo,
naho o kinerake jabajaba an-driakeo
ty hara'elahi' Iehovà an-digiligy eñe.
5 Toe niventeñe o taro'oo;
mañeva havaheñe nainai'e
ty anjomba'o, ry Iehovà,

# 94

1 O ry Iehovà,
Andrianañahare mpamale-fate,
ry Andrianañahare, mpañome-to:
mireandreaña.
2 Miongaha, ry Mpizaka' ty tane toio;
lilovo ami'ty fañeva'e o mpirengevokeo.
3 Sikal' ombia o lo-tserekeo, ry Iehovà :
pak'ombia ty mbe hitreña' o tsivokatseo?
4 Mifatatiake, manotratsotrake;
mijiajia iaby o mpanao ratio.
5 Demohe' iereo ondati'oo ry Iehovà,
volevole' iereo ty lova'o.
6 Vonoe' iereo ty vantotse
naho ty renetane,
naho mañoho-doza amo bode-raeo;
7 vaho manao ti-hoe: Tsy vazoho' Ià;
tsy mañaoñe t'i Andrianañahare' Iakobe.
8 Mañarahara ry borololo am' ondatio;
naho o dagolao, ombia t'ie hahafohiñe?
9 Tsy mahajanjiñe hao i nambole o ravembiaoy?
Tsy mahavazoho hao i Mpitsene fihainoy?
10 Tsy hanoro hao i Mpandilo o fifeheañeo?
ie mañòke hilala am'ondatio.
11 Arofoana' Iehovà
ty fitsakorea' ondaty;
t'ie kofòke avao.
12 Haha t'indaty lilove'o ry Ià,
naho i anara'o amy Tsara'oy;
13 homea'o fitofàñe an-tsan-kasotriañe,
ampara' te nihaliañe koboñe
o lo-tserekeo.
14 Tsy ho farie' Iehovà ondati'eo;
tsy haforintse'e i lova'ey.
15 Mbe himpoly ami'ty hahiti'e o zakao,
le hene hañorik' aze o vañoñ' añ'arofoo.
16 Ia ty hitroatse amo tsereheñeo ho ahy? Ia ty hijohañe amo mpanao ratio

ho amakoo?
17 Naho tsy IEHOVÀ ty nañimb' ahy
le ho nitobe am-pitsiñañe ty fiaiko.
18 Ie anoeko ty hoe :
Midorasitse ty tomboko;
le manozañ' ahy ty fiferenaiña'o
ry IEHOVÀ.
19 Ie mañotrotro ty hamahimahin-troke, le mampanintsiñe ty fiaiko
o fañohòa'oo.
20 Mete hiharo-rehak' ama'o hao
ty fitobohan-katsivokarañe—
ie mikitro-draha hatao'e fañè, 21 naho mirañadrañake hañè-doza
ami'ty fiai' o vañoñeo,
vaho mañozoñe ty lio tsy aman-kila.
22 Fe haboam-pitsolohako t'IEHOVÀ,
vaho lamilamy fipalirako
t'i Andrianañahareko.
23 Nampolia'e ty hatsivokara' iareo, vaho ho mongora'e ty amo fikotriha'iareoo; toe ihañitoa' IEHOVÀ Andrianañaharentika.

## 95

1 Antao hisabo am' IEHOVÀ;
Antao hipoña-peo amy
lamilamim-pandrombahan-tikañey.
2 Ntao hiatrek'Aze am-pañandriañañe,
antao hirebek' ama'e an-tsabo.
3 Andrianamboatse jabahinake t'IEHOVÀ,
naho Mpanjaka ra'elahy ambone'
ze fanalolahy iaby.
4 Am-pità'e ao o hatsikeokeo'
ty tane toio,
Aze ka o lengom-bohitseo.
5 Aze i riakey, ie ty namboatse aze,
nitsenèm-pità'e i tane maikey.
6 Mb'etoa, hiambane vaho hitalaho,
antao hanongalek' añatrefa'
IEHOVÀ Mpitsene antikañe.
7 Amy te ie t'i Andrianañaharentikañe;
itika ro ondatim-piandraza'e,
naho ty lia-raim-pità'e;
Anito, naho janjiñe' areo i fiarañanaña'ey !
8 Ko mañagàñe arofo,
manahake te Meriba* añe,
tañ'andro' i Masa† am-babangoañ' añe;
9 Ie nazizin-droae' areo,
naoveove'iareo ndra te nioni'iereo
o fitoloñakoo.
10 Efa-polo taoñe te nalaiñeko i tariratsey
le nanoeko ty hoe: foko miola an-troke,
fa tsy apota' iareo o satakoo;
11 Aa le nifanta ami'ty fifomboko:

---

* **95:8** Meriba: fiody Avo. 17. 7: † **95:8** Massah: fitsohañe Avo. 17. 7

Toe tsy himoaha'iareo ty fitofàko.

# 96

1 Misaboa sabo vao am' IEHOVÀ !
mitakasia am' IEHOVÀ, ty tane toy iaby.
2 Misaboa am' IEHOVÀ, bangò i tahina'ey;
taroño boak'andro i fandrombaha'ey.
3 Atalilio aivo' o fifeheañeo ty enge'e,
o sata'e mahalatsao añivo' ondaty iabio.
4 Amy te ra'elahy t'IEHOVÀ
vaho ho rengeñe añ'abo;
revendreveñen-dre
te amy ze ndrahare iaby.
5 Fahasive o ndrahare' ondatio,
fa IEHOVÀ ro namboatse o likerañeo.
6 Hasiñe naho volonahetse ro aolo'e,
haozarañe naho hatsaratseake
ro añ'anjomba'e miavake ao.
7 Manolora am' IEHOVÀ, ry foko' ondatio,
toloro engeñe naho haozarañe t'IEHOVÀ.
8 Atoloro am' IEHOVÀ
ty enge mañeva i tahina'ey;
mibanabanà, le miziliha an-kiririsa'e ao.
9 Mitalahoa am' IEHOVÀ
an-tsiki-miambake!
mitititìha añatrefa'e eo, ty tane toy.
10 Talilio amo fifeheañeo ty hoe:
Mifehe t'IEHOVÀ;
toe mioreñe ty voatse toy, tsy hasiotse,
ho zakae'e mira ondatio.
11 Le hifale o likerañeo,
hirebeke ty tane toy;
hitroñe ami'ty halifora'e i riakey;
12 Hitreñe i hivokey,
naho ze he'e ama'e ao;
fonga hisabo an-kaehake
o hatae añ'alao,
13 añatrefa' IEHOVÀ eo, fa ho totsake re,
ho avy hizaka ty tane toy;
ho zakae'e an-kahiti'e* ty voatse toy
vaho ondatio ami'ty figahiña'e

# 97

1 Mifehe t'IEHOVÀ,
hirebeke ty tane toy,
hifale o tokonose maroo.
2 Ie arikoboñen-drahoñe naho hamoromoroñañe;
havantañañe naho ty hatò ro ioreña'
i fiambesa'ey.
3 Miaolo Aze ty afo, mamorototo

---

* **96:13** Sab 98:9, Top 17:31, Ben 19:11

o rafelahi'eo mb'etia mb'eroa.
4 Nihazavae' o hela'eo ty voatse toy;
niisa' ty tane toy le nihondrahondra.
5 Nitranake hoe karafo o vohitseo
ami'ty niatrefa' IEHOVÀ,
añatrefa' i Talè' ty tane toy iaby.
6 Mitalily ty havantaña'e o likerañeo,
vaho fonga mahaoniñe ty enge'e ondatio.
7 Hene salatse ze mitoron-tsare sokitse,
o misenge raha kòakeo;
miambanea ama'e ry ndrahare iabio!
8 Nahajanjiñe ty Tsiône le niehake,
nirebeke o anak'ampela Iehodào,
ty amo fizaka'oo ry IEHOVÀ.
9 Amy te Ihe, ry IEHOVÀ,
ro Andindimone' ty tane toy;
vaho onjoneñe andigiligi'
ze hene ndrahare rehe.
10 Hejeo o haratiañeo ry mpikoko IEHOVÀ; ambena'e ty fiai' o noro'eo,
avotso'e an-taña' o lo-tserekeo.
11 Ararake ho a' o vantañeo ty hazavàñe,
ho a' o mahity arofoo ty hafaleañe.
12 Mirebeha am' IEHOVÀ, ry vantañeo,
vaho andriaño i tahina'e masiñey.

# 98

*Sabo* 1 Takasio sabo vao t'IEHOVÀ
fa nahafonitse raha fanjaka;
nahazoa'e fandrebahañe i fità'e havanay naho i sira'e masiñey.
2 Fa nampahafohine' IEHOVÀ
i fandrombaha'ey;
naboa'e ampahaisaha'
o kilakila 'ndatio ty havantaña'e.
3 Nitiahi'e ty fiferenaiña'e
naho ty figahiña'e amy anjomba' Israeley,
fonga nahaoniñe ty fandrombahan'
Andrianañaharentika ze olon-tane.
4 Mipoñafa am' IEHOVÀ, ry tane toy iaby,
Mirañorañoa an-drebeke,
eka mandrengea an-tsabo.
5 Sabò t'IEHOVÀ arahen-jejo-bory,
i jejo-boriy mañara-takasy;
6 Reke-trompetra naho fivolañ' antsiva—
mipozaha an-drebek' añatrefa'
IEHOVÀ Mpanjaka.
7 Hitroñe ami'ty halifora'e i riakey,
ty voatse toy
vaho o mpimoneñe ama'eo.
8 Hitehateha-taña o sorotombakeo,
le hitrao-pisabo an-kaehake
o vohitseo,

9 añatrefa’ IEHOVÀ eo
fa homb’eo re hizaka ty tane toy.
ho zakae’e an-kavantañañe
ty voatse toy,
naho an-kahiti’e ondatio.

## 99

1 Mifehe t’IEHOVÀ,
hinevenevetse ondatio;
ie miambesatse añivo o kerobeo,
miozoñozoñe ty tane toy.
2 Jabahinake e Tsiône ao t’IEHOVÀ;
andindimone’ ze kila ondaty.
3 Bangoe’ iereo i tahina’o ra’elahy
naho mampañeveñey, fa masiñe.
4 Mpikoko hatò ty haozara’ i mpanjakay
—fa najado’o ty zaka-mira;
fa nihenefe’o ty zaka
naho ty havantañañe amy Iakobe ao.
5 Onjono t’IEHOVÀ Andrianañaharentika;
midrakadrakàfa am-pitongoàm-
pandia’e eo; masin-dre.
6 Mpiamo mpisoro’eo
t’i Mosè naho i Aharone,
mpitraok’ amo mpikanjy
i tahina’eio t’i Samoele,
sindre nitoreo am’ IEHOVÀ
vaho nitoiña’e.
7 Nitsara’e hirik’amy rahoñe nijoalay;
norihe’ iereo o taro’eo
naho i fañè natolo’e iareoy.
8 Ry IEHOVÀ Andrianañahare’ay,
natoi’o iareo,
Andrianañahare nañaha ty hakeo’ iareo,
fe nililove’e o nanoe’ iareoo.
9 Onjono t’IEHOVÀ Andrianañaharentika
vaho mitalahoa amy vohi’e miavakey,
amy te masiñe t’IEHOVÀ
Andrianañaharentika.

## 100

*Sabom-Pañandriañañe* 1 Mitreña am’ IEHOVÀ
ry tane bey toy!
2 Toroño an-kafaleañe t’IEHOVÀ;
miheova an-tsabo mb’añatrefa’e.
3 Fohino te Andrianañahare t’IEHOVÀ ;
Ie ty nanao antika, fa tsy itika,
aze tika, ondati’e naho lia-rai-piandraze’e.
4 Iziliho o lalambei’eo
am-pañandriañañe,
an-kiririsa’e ao am-pandrengeañe;
andriaño, bangò ty tahina’e.
5 Amy te soa t’IEHOVÀ;

nainai’e ty fiferenaiña’e
naho ty figahiña’e amo tariratse iabio.

## 101

*Sabo’ i Davide* 1 Ho saboeko ty fiferenaiñañe
naho ty fizakàn-to,
Ihe ry IEHOVÀ ro isaboako
2 Hambenako ty lalan-kavañonañe;
ombia rehe te homb’amako?
Handenako an-kazavàn-troke an-trañoko ao.
3 Tsy ampipohako raha tsy manjofake
aolo’ o masokoo.
hejeko ty sata’ o mpiolao;
tsy hipitek’ amako zay.
4 Hitotse ahy ty tro mirioñe;
hamoeako ze atao raty.
5 Ze mifosa ondatio, ie ty harotsako;
hejeko ty maso miengeñe
naho ty troke mikoìboke.
6 Amo migahiñe an-tane atoio
o masokoo,
hiharoa’ iareo fimoneñañe,
hitoroñe ahy ty mañavelo an-kahiti’e.
7 Tsy hitobok’ an-trañoko ao
ty mitolom-pamañahiañe;
tsy ho tambatse aolo’ o masokoo
ty mpivolam-bande.
8 Ho zamaneko boa-maraindray
o lo-tserek’ amy taneio;
haitoako ami’ty rova’ IEHOVÀ
o mpitolon-katsivokarañeo.

## 102

*Halali’ ty mpisotry,* 1 ie andeme’e vaho mandoa toreo aman’Añahare.
Ry IEHOVÀ, janjiño ty halaliko;
le ampomb’ama’o ty toreoko.
2 Ko aeta’o amako ty lahara’o
añ’andron-kaloviloviañe.
atokilaño amako ty ravembia’o;
malisà hanoiñe ahy
ami’ty andro ikanjiako.
3 Mihelañe hoe hatoeñe o androkoo;
miforehetse hoe an-toñak’ ao o taolakoo.
4 Pinaoke hoe ahetse ty troko
vaho miheatse
toe andikofako ty mitozin-kaneñe.
5 Mipitek’ an-taolako ao ty holiko
ty ami’ty volam-piselekaiñako.
6 Hoe tangongo am-patrañe añe raho,
hoe vorondolon-dratraratra.
7 Mandre an-tsareke raho;

manahake ty tivoke miereñereñe
an-tampènake ey.
8 Mañinje ahy lomoñandro o rafelahikoo;
mamàtsy ahiko o mpirengevok'amakoo,
9 Fa nihaneko hoe ampemba ty lavenoke,
vaho linaroko firovetse ty finomako,
10 ty ami'ty haviñera'o naho ty fifombo'o,
fa rinambe'o raho le nahifi'o añe.
11 Manahake ty fipononòran-talinjo
o androkoo;
vaho miheatse hoe boka raho.
12 Nainai'e eo rehe ry IEHOVÀ,
ty Tahina'o an-tarirats' an-tariratse.
13 Hiongake rehe hitretre i Tsiône,
fa tsatoke te hisohe'o,
ie tondroke i nifantañañey.
14 No' o mpitoro'oo o vato'eo; mbore kokoa' iereo o lembo'eo.
15 Soa te hañeveña' o fifeheañeo
ty tahina' IEHOVÀ, naho
ze hene mpanjaka' ty tane toy ty enge'o;
16 fa nitratrañàhe' IEHOVÀ ty Tsiône
ie niboak' amy enge'ey.
17 Nihaoñe'e ty halali' o poi'eo;
vaho tsy niambohoa'e ty toreo' iareo
18 Ho patereñe ho a ty tariratse
mandimbe,
soa te handrenge Ià
ondaty mboe tsy nanoeñeo*:
19 Nivazohoe'e boak'an-toe'e masiñe ankaboañ' añe,
nisary ty tane toy boak' an-dikerañe
eñe t'IEHOVÀ,
20 hijanjiñe ty fiñeoñeom-pirohy,
hañaha o nafatse havetrakeo
21 soa te ho talilie' ondaty e Tsiône ao
ty tahina' IEHOVÀ,
naho ty enge'e e Ierosalaime ao,
22 ie mifanontoñe ondatio,
naho o fifeheañeo hitoroñe IEHOVÀ.
23 Nado'e deme'e raho añivon-dalañe eo;
nitomore'e o androkoo.
24 Hoe raho, Ry Andrianañahareko, ehe, ko ampisintahe'o
añivo' o androkoo raho; mitakatse ze kila tariratse o tao'oo.
25 Haehae rehe ro nañoreñe ty tane toy,
satam-pità'o o likerañeo.
26 Ho momoke iereo, fa nainai'e eo rehe;
fonga hikoneatse hoe sikiñe hambo'e,
ampilimbeze'o hoe sarimbo
vaho ho vaoe'o iereo.
27 Fe tsy mihotike rehe,
tsy mbia higadoñe o tao'oo.
28 Le lia'e ho eo o anam-pitoro'oo,

* **102:18** Sab 22:31

le hijadoñe añatrefa’o eo o tiri’eo.

## 103

*Sabo’ i Davide* 1 Andriaño t’IEHOVÀ, ry troko;
naho ze hene amako;
bangò ty tahina’e masiñe !
2 Andriaño t’IEHOVÀ ry troko, le ko haliño o hasoa’e iabio.
3 I mpañaha ze hene hakeo’oy, ie mpanaha ze atao arete’oy.
4 I mijebañe ty fiai’o boak’an-koboñ’aoy,
ie mañohò azo am-piferenaiñañe
naho am-pitretrezañe,
5 ie mahaeneñe ty havelo’o an-draha soa,
naho vaoe’e hoe vantio ty hajalahi’o.
6 Manao ty hahiti’e t’IEHOVÀ
naho mitolon-kavantañañe
amy ze hene volevolèn-draha.
7 Nampahafohine’e amy Mosè o sata’eo
o tolon-draha’eo amo ana’ Israeleo.
8 Miferenaiñe naho mitretre t’IEHOVÀ,
malaon-kaviñerañe,
vaho enem-pikokoa-migahiñe.
9 Tsy handilo nainai’e re,
tsy hangazoña’e kitro katroke
ty fifombo’e.
10 Tsy nanoe’e mañeva o tahin-tikañeo,
tsy nililove’e ty amo hakeo’ tikañeo.
11 Fa mira ami’ty haabo’ i likerañey
ami’ty tane toy,
ty hajabajaba’ ty fiferenaiña’e
amo mañeveñ’ama’eo;
12 Mira ami’ty halavi’ i atiñanañey
amy ahandrefañey,
ty halavi’ ty nampisitahe’e amantika o fiolàn-tikañeo.
13 Hambañe ami’ty halèm-pon-drae
amo ana’eo
ty fitretreza’ IEHOVÀ amo mañeveñe ama’eo,
14 amy te arofoana’e ty vintan-tika;
tiahi’e t’ie lemboke.
15 Aa naho ondaty,
hoe ahetse o andro’eo
hoe voñe an-kivok’ ao ty fandrevaha’e;
16 ie iarian-tioke, le tsy eo ka,
vaho tsy mahatiahy aze i toe’ey.
17 Fe boake haehae tsy amam-pipotora’e añe, sikal’ami’ty tsy modo añe, ty fiferenaiña’ IEHOVÀ amy ze mañeveñe ama’e,
naho i havantaña’ey
amo ana’ o anakeo—
18 ho amy ze miambeñe i fañina’ey
vaho mahatiahy o taro’eo hanoa’e.
19 Fa naore’ IEHOVÀ
an-dindiñe ao ty fiambesa’e,

vaho mamehe ze he’e i fifehea’ey.
20 Andriaño t’IEHOVÀ, ry Anjeli’e, ra’elahy an-kaozarañe,
mitoloñe amo tsarae’eo,
mañaoñe ty fiarañanaña’ o tsara’eo.
21 Andriaño t’IEHOVÀ,
ry hene lahin-defo’eo,
ry mpitoro’e mpanao
o satrin’ arofo’eo.
22 Andriaño t’IEHOVÀ, ry hene sata’e
tok’aia tok’aia amy fifehea’eio.
Andriaño t’IEHOVÀ, ry fiaiko.

# 104

1 Andriaño t’IEHOVÀ, ry troko;
ry IEHOVÀ Andrianañahareko,
jabahinake rehe,
asiñe naho volonahetse ro misaroñ’ azo,
2 ihemiholonkon-kazavañe hoe sarimbo;
velare’o hoe tèmetse o likerañeo.
3 Ampandrè’e an-drano ao o faham-batsa’eo, anoe’e sarete’e o rahoñeo,
draidraite’e añ’ ela’ o tiokeo.
4 Anoe’e ira’e o tiokeo,
mpitoro’e o afo mibelañeo.
5 Naore’e amo faha’eo ty tane toy,
soa tsy hasiotse nainai’e donia.
6 Siniki’o hoe saroñe i lalekey;
nijohañe ambone’ o vohitseo ty rano;
7 Nibioñe iereo te trinevo’o,
nibororoñe mb’eo ami’ty fivolan’ ampi’o;
8 Nionjoñe o vohitseo,
nilempotse o vavataneo,
mb’amo toetse tinendre’o ho a iareoo
9 Jinado’o efetse tsy hililara’e;
tsy mone hibalike hañàmpo ty tane toy.
10 Añirahe’e rano migoangoañe
o goledoñeo;
mikararak’ añivo’ o vohitseo;
11 ampinome’ iereo rano
o bibin-kivoke iabio;
afa-karan-drano o borìke lìio.
12 Mimoneñe añ’olo’ iereo eo
o voron-dikerañeo;
mivolañe an-tsinga-katae ey.
13 Tondraha’e hirik’amo efe’e amboneo
o vohitseo;
mahaeneñe ty tane toy
o vokam-pitoloña’eo.
14 Ampitiria’e ahetse o añombeo,
vaho añañe, vale’ ty fitoloña’ ondatio, hampahavokare’e haneñe ty tane,
15 naho divay hampifale ty arofo’ ondaty, naho solike hañamendo ty lahara’e,
vaho mahakama hahavaño ty arofo’e.
16 Enen-drano o hatae’ IEHOVÀo,

o *mendorave’ i Lebanone nambolè’eo,
17 ama’e ao ro anoa’ o voroñeo traño;
naho ty fañaoke, anakao ty akiba’e.
18 Ho a o ose lì-o o vohitse aboo;
fiampiram-panaloke o tevañeo.
19 Nanoe’e fifotoañañe i volañey; apota’ i àndroy ty toem-pitsofora’e.
20 Tinendre’o i ieñey,
mivotrake te haleñe ty fitingatingàña’ ze hene biby añ’ala ao.
21 Mitreñe, mitsatsa hena o liona tora’eo,
mipay ty hane’e aman’ Añahare.
22 Ie manjirike i àndroy, mipoliotse iereo vaho mandre an-dakato’e ao.
23 Miavotse mb’am-pitoloña’e mb’eo
ondatio, ampara’ te haleñe.
24 O ry Iehovà, akore ty hamaro’
o fitoloña’oo!
kila nanoe’o an-kihitse;
manitsike ty tane toy o vara’oo.
25 Indroke i riakey, jabajaba mihenehene,
ifamorohotam-biby tsy hay iaheñe—
ty kede naho ty bey.
26 Ama’e ty ionjonan-dakam-bey,
naho i fañaneñe nitsenè’o hihisa aoy.
27 Songa mandiñ’ Azo
hamahana’o haneñ’ an-tsa’e.
28 Anjotsoa’o, le atonto’ iareo,
sokafe’o ty fità’o, vaho
hene ànjan-draha soa.
29 Aeta’o ty lahara’o, le lonjetse iereo;
sintone’o ty kofò’e, le mihomake
mimpoly an-debok’ ao.
30 Irahe’o t’i Arofo’o, mioreñe iereo,
vaho vaoe’o ty tarehe’ ty tane toy.
31 Tsy mb’ia ho modo ty enge’ Iehovà;
ho rebehe’ Iehovà o fitoloña’eo,
32 Mampitititike ty tane toy te vazohoe’e,
mahatoeñe o vohitseo te edrè’e.
33 Ho saboeko t’Iehovà
kanao mbe velon-draho;
ho rengèko an-tsabo t’i Andrianañahare
katao mbe mahakofòke.
34 Toe mamy t‘ie itsakoreakoo,
ifaleako t’Iehovà.
35 Ho mongoreñe an-tane atoy
o mpanan-tahiñeo
le tsy ho eo o lo-tserekeo.
Andriaño t’Iehovà, ry troko.
Treño t’Ià †.

# 105

1 Andriaño t’Iehovà,

* 104:16 sedera: hatae mafe mandrevake † 104:35 Halàl’ià: Haleloia; ze atao ty hoe Treño

kanjio ty tahina’e;
ampahafohino ondatio o fitoloña’eo.
2 Isabò, rengeo an-tsabo;
talilio o raha fanjaka nanoe’eo.
3 Mitreña, amy tahina’e masiñey;
ampirebehañ’ añ’arofo’ o mipay IEHOVÀo.
4 Paiavo t’IEHOVÀ naho ty haozara’e;
tsoeho nainai’e ty lahara’e.
5 Tiahio o raha fanjaka nanoe’eo, o halatsañeo, naho
o fizakam-palie’eo.
6 Ry tarira’ i Avrahame mpitoro’eo, ry ana’ Iakobe jinobo’eo;
7 Ie t’IEHOVÀ Andrianañaharentika;
mahaatseke ty tane toy o fandilia’eo.
8 Toe tiahi’e nainai’e i fañina’ey,
i tsara linili’e pak’an-tarira’e fah’arivo’e,
9 i nanoe’e amy Avrahamey,
naho i nifantà’e am’ Ietsakey,
10 vaho niventè’e am’Iakobe ho fañè,
amy Israele ho fañina nainai’e:
11 ami’ty hoe : Hatoloko azo ty tane’
Kanàne, ty anjara lova’o.
12 Ie ondaty mbe nitsiampeampe,
toe nitsiampe, mbore nirenetane ama’e,
13 ie nitsatsà-tane mb’an-tane, boak’am-pifeheañe raike
sikal’am’ondaty ila’eo.
14 tsy nimetea’e ho lovilovie’ ondatio;
le trinevo’e o mpanjakao ty am’ iereo:
15 Ko mitsipaoke o norizakoo;
le ko joie’ areo o mpitokikoo.
16 Le nikanjie’e san-kerè o taneo,
fonga nifolahe’e o tahon-kaneñeo;
17 Nirahe’e t’indaty hiaolo iareo,
Iosefe naletake ho ondevo.
18 Jinoi’ iareo am-bahotse o fandia’eo,
najo am-po viñe ao i sandri’ey,
19 ampara’ ty andro nañenefañe
i nitokia’ey,
namente aze ty tsara’ IEHOVÀ.
20 Nafanto’ i mpanjakay le nabalake re,
hinaha’ ty mpifehe’ ondatio,
21 Nanoe’e talèn’ anjomba’e naho mpamandroñe o vara’eo,
22 nifehe o roandria’eo an-tsatri’e,
nanoro hihitse amo androanavio.
23 Nimoake e Mitsraime ao ka t’Israele,
nitaveañe an-tane’ i Kame añe t’Iakobe.
24 Le nampanaranahe’e ondati’eo;
vaho nampaozare’e
ambone’ o rafelahi’iareoo
25 Nampifotere’e ty arofo’ iareo
halaiñe ondati’eo,
hikinia o mpitoro’eo.

26 Nirahe’e t’i Mosè mpitoro’e,
i Aharone jinobo’ey.
27 Nanoe’ iereo añivo’ iareo eo
o raha tsitantane’eo,
naho halatsàñe an-tane’ i Kame ao.
28 Nañitrifa’e ieñe,
le nampimoromoroñe’e,
vaho tsy niolà’ iareo o tsara’eo.
29 Novae’e ho lio ty rano’ iareo,
naho zinama’e o fia’ iareoo.
30 Nisamborian-tsahoñe ty tane’ iareo,
añ’efem-pandrea’ o mpanjaka’ iareoo.
31 Nitsara re, le niropahen-daletse,
naho nandrambañe ty tane’ iareo
ty haon-doha.
32 Tinolo’e havandra hisolo orañe,
naho afo nilebaleba an-tane’ iareo.
33 Finofo’e o vahe’eo naho o sakoa’eo,
vaho tsineratsera’e o hatae an-tane’iareoo.
34 Nisaontsie’e, le nimb’eo o betratrao,
naho ty kijeja tsy fotofoto;
35 hene navorembore’ iereo ze naindoñe
an-tane’ iareo ao,
fonga nabotseke ty vokan-tane’ iareo.
36 Nampivetrahe’e iaby ka
o tañoloñoloñan-tane’ iareoo,
ze hene lengom-boan- kaozara’iareo.
37 Le nakare’e reketse volafoty
naho volamena t’Israele,
leo raike tsy nitsikapy amo rofoko’eo.
38 Nifale t’i Mitsraime t’ie niakatse,
fa nivotraha’ ty fihembañañe.
39 Nandafiha’e rahoñe ho fialofañe,
naho afo ho fañazavàn-kaleñe.
40 Nihalaly iereo le nanjotsoa’e
hatrakatrake,
nampieneña’e mahakaman-dikerañe.
41 Sinoka’e i lamilamiy,
le nidoandoañe ty rano
nikararake an-dratraratra ao hoe saka.
42 Fa nitiahi’e i tsara’e masiñe amy Avrahame mpitoro’ey.
43 Le naaka’e am-pirebehañe ondati’eo,
am-pazake o jinobo’eo;
44 natolo’e ty tane’ o kilakila ondatio,
vaho rinambe’ iareo ho lova
o nimokora’ ondatioo:
45 soa t’ie hañambeñe o fañè’eo
vaho hañorike i Tsara’ey.
Treño t’IÀ !

# 106

1 Treño t’IEHOVÀ;
andriaño t’IEHOVÀ, amy te Ie ro soa;

nainai’e ty fiferenaiña’e.
2 Ia ty mahatalily o sata fanjaka’
IEHOVÀO?
ndra hahafitsey o enge’e iabio?
3 Haha ze mahafiambeñe ty hatò,
naho mitolom-panao ty fahiti’e.
4 Tiahio raho, ry IEHOVÀ,
naho isohe’o ondati’oo;
itiliho amy fandrombaha’oy.
5 Hahatreavako ty firaoraoa’ o jinobo’oo,
hirebeke ami’ty hafalea’ i fifehea’oy,
hitrao-pitreñañe amy lova’oy.
6 Nindre nandilatse amo roae’aio zahay;
nanao hakeo, nitolon-karatiañe.
7 Tsy nihaoñe’ o rae’ay e Mitsraimeo
o halatsà’oo;
tsy nitiahi’ iereo o fiferenaiña’o vokatseo,
te mone niola amy Abo Tiañe,
an-dRiake Mena* añe.
8 Fe rinomba’e ty amy tahina’ey, hampaharofoana’e ty haozara’e.
9 Trinevo’e i Riake Menay,
le nimaike,
vaho niaoloa’e, nitoañe o lalekeo
hoe te fatram-bey.
10 Le rinomba’e boak’an-taña’
i malaiñe iareoy,
naho jineba’e am-pità’ i rafelahiy.
11 Nopoe’ i ranoy o rafelahi’eo; tsy nanisàñe honka’e.
12 Aa le natokisa’ iareo o tsara’eo, nisaboeñe ty enge’e.
13 Fe nihaliño’ iereo anianike o sata’eo
tsy nahaliñe o famerea’eo.
14 Le niazo’ ty hasiji-mena
an-jerezere tane añe;
nazizi’ iereo am-babangoañe ao
t’i Andrianañahare.
15 Aa le nitolora’e i nihalalie’ iereoy,
fe nañiraha’e haborokàñe ty fiai’iereo.
16 Ie nitsikirike i Mosè an-tobe ao,
naho i Aharone navahe’ IEHOVÀy,
17 le nisokake i taney niteleñe i Datane;
naho nandembeke ty fehe’ i Abirame.
18 Nisolebare’ ty afo añivo’ i rimboñey;
niforototoe’ i firebarebàñey o tsivokatseo.
19 Nitsene bania e Korebe añe iereo,
naho nilokoloko amy sare trinanakey;
20 aa le natakalo’ iereo sare bania
mivazakota ahetse, ty engen’ Añahare.
21 Nihaliño’ iereo t’i Andrianañahare
mpandrombake iareo,
I nanao raha fanjàka e Mitsraimey,

---

* 106:7 Riake Mena: ndra: ‘Riake Vondro’ (and. 9 naho 22 ka)

22 raha tsitantane an-tane’ i Kame
vaho raha naharevendreveñe
an-dRiake Mena añe.
23 Aa le nanao ty hoe t’ie harotsa’e:
naho tsy te nijohañe an-jebañe añatrefa’e eo
t’i Mosè jinobo’e, nampivioñe
i haviñera’ey tsy hanjamana’e.
24 Niheje’ iereo amy zao i tane nirieñey;
tsy natokisañe o tsara’eo,
25 f’ie niñeoñeoñe an-kijà ao,
tsy hinao’ iereo ty fiarañanaña’ IEHOVÀ.
26 Aa le nifanta
te hampikorovohe’e an-jerezere tane ao,
27 naho havarakai’e amo fifeheañeo
ty tarira’ iareo
vaho haparatsà’e amo taneo.
28 Mbore nireketse amy Baale-Peore iereo
vaho nampibotseke haneñe
nisoroñañe an-dolo.
29 Aa le nampiviñere’ iereo
amo fitoloña’ iareoo,
vaho natorotosi’e an-kiria.
30 Niongak’ amy zao t’i Pinekase
le nijebañe,
vaho nisebañeñe i angorosiy.
31 Nivolilien-ko havañonañe ama’e zay.
ho a ze hene tarira’e mifandimbeo.
32 Nampiviñera’ iareo ka
amo rano mpilie-drokoñeo,
le niazom-boiñe ty am’iereo t’i Mosè;
33 amy t’ie nikai-jaka amy arofo’ey,
le kamaike ty niakatse am-pivimbi’e ao.
34 Tsy nifongore’ iareo ondatio,
amy nandilia’ IEHOVÀ hanoeñey,
35 Te mone nifañaoñe amo kilakila‘ndatio
naho nizatse o sata’eo,
36 naho nitoroñe o saren-drahare’eo
ze nanjare fandrik’ am’ iereo,
37 naho nasoro’ iereo amo kokolampao o anadahi’iareoo naho o anak’ ampela’iareoo,
38 vaho nampiorike lio-maliñe,
ty lion’ anadahy naho anak’ampela,
ie nasoro’ iereo amo saren-drahare’
i Kanànao, vaho vinetan-dio i taney.
39 Aa le nihativa am-pitoloñañe,
nañarapilo amo fisafiria’iareoo.
40 Toly ndra niviañe am’ondatio
ty haviñera’ IEHOVÀ,
vaho niheje’e i lova’ey.
41 Natolo’e am-pità’ o fifeheañeo iereo,
hifehea’ o rafelahi’eo.
42 Niforekeke’
o nifankalaiñe am’iereoo

le nareke ambane’ fità’iareo.
43 Beteke rinomba’e, f’ie nizehatse an-tsafiry,
vaho nilempotse an-kakeo.
44 Ie nivazoho’e ty falovilovi’ iareo,
naho jinanji’e o fitoreova’ iareoo,
45 le nitiahi’e ty am’ iereo i fañina’ey naho niselekaiñe, ty amo hene fiferenaiña’eo;
46 ie nampitretreze’e amo nanese
iareo am-pandrohizañeo.
47 Rombaho zahay ry IEHOVÀ
Andriananahare’ay,
vaho atontono boak’ amo fifeheañeo, hañandriaña’ay ty tahina’o masiñe,
vaho hitreñe amo enge’oo.
48 Andriañeñe t’IEHOVÀ,
Andriananahare’ Israele,
boak’an-kaehae’e pak’an-kaehae’e;
vaho hene hiredoñe ami’ty hoe ondatio:
Ie Zay, † Treño t’IÀ.

# Fange Faha V

*Sabo 107 - 150*

## 107

1 Andriañeñe t’IEHOVÀ,
amy te Ie ro soa;
nainai’e ty fiferenaiña’e.
2 Ano zay ry jineba’ IEHOVÀ—
ry nijebañe’e am-pitàn-drafelahy,
3 vaho hinoloholo’e hirik’ amo taneo,
boak’atiñanañe naho ahandrefañ’ añe,
boak’ avaratse vaho hirik’ amy riakey.
4 Nirererere ambabangoañ’ añe iereo,
an-dratraratra ao,
tsy nahaonin-drova fimoneñañe.
5 Nisalikoeñe naho taliñiereñe,
nitoirañe añ’ova ao ty fiai’ iareo.
6 Le nitoreo am’ IEHOVÀ
an-kaloviloviañe
naho hinaha’e amo hasotria’iareoo,
7 Nindese’e mb’an-dalam-bantam-beo
higodañe mb’an-drova fimoneñañe añe.
8 Handriañe’ iereo t’IEHOVÀ
ty amy fiferenaiña’ey
naho o fitoloña’e fanjaka
amo ana’ondatioo,
9 fa nieneñe’e ty fiaiñe taliñiereñe,
nanjañe’e raha soa ty troke nilimpoa.
10 Teo ty nitozòke añ’ieñe ao
naho an-talinjon-kavilasy ao,
rinohy an-kasotriañe naho vý,
11 amy t’ie niody amo fepèn’Añahareo,
vaho nañovok’ i famerea’
i Andindimoneñey.

---
† **106:48** Heb: Amena

12 Aa le nampibokohe’e ty arofo’ iareo
am-pitromahañe,
nampidaleandaleañe
tsy amam-pañimba.
13 Le nitoreo am’ IEHOVÀ
t’ie niankoheke,
le rinomba’e amo fikoretañeo;
14 naaka’e boak’ añ’ieñe naho
an-talinjon-kavilasy ao,
vaho nipoñafe’e o silisilio.
15 Handriañe’ iareo t’i IEHOVÀ
ty amy fiferenaiña’ey
naho o halatsañe nanoe’e
amo ana’ ondatioo,
16 amy te pinaratsà’e
o lalam-bey torisìkeo
naho pinozapoza’e o doda viñeo.
17 Nampisotriañe o seretseo
ty amo fiolà’eo, naho o tahi’eo.
18 Nampangori’ ty fiai’ iareo
ze atao hàneñe,
ie nitotoke o lalam-bein-kavilasio.
19 Le nitoreo am’ IEHOVÀ
t’ie niampoheke,
vaho rinomba’e amo haemberañeo.
20 Nahitri’e i tsara’ey nahajangañe iareo
vaho navotso’e amy kiboriy.
21 Andriañe’ iereo t’IEHOVÀ
ty amy fiferenaiña’ey
naho o halatsañe fanoe’e
amo ana’ondatioo,
22 Ee t’ie hibanabana sorom-
pañandriañañe
naho hitalily o fitoloña’eo an-drebeke;
23 Ao ty mizotso mb’an-tsambo
an-driake ey;
o mpanao balibalik’ an-drano mieneneo,
24 Fa niisa’ iareo o sata’ IEHOVÀO,
o halatsàñe fanoe’e an-dalekeo.
25 Amy tsara’ey, nitroatse ty tio-bey,
nampitoabotse o alon-driakeo.
26 Nionjomb’an-dindimb’eo iereo,
vaho nizotso mb’an-dalek’ ao;
nitranak’ ami’ty hekoheko’e ty fiai’iareo.
27 Nivembeñe, nisiotsiotse hoe jike;
fonga nilesa ty hihi’ iareo.
28 Nitoreove’ iareo t’IEHOVÀ
an-kasosorañe,
vaho natsoa’e an-kasotriañe.
29 Nampipendreñe’e i tio-beiy,
le nitsiñe o onjan-driakeo.
30 Niehake iereo te nibànatse,
vaho nitehafe’e mb’amy fipalirañe

nisalalaeñey.
31 Handriañe’ iereo t’IEHOVÀ
ty amy fiferenaiña’ey, naho
o halatsañe fanoe’e
amo ana’ ondatioo.
32 Ee t’ie honjone’ iareo
am-pivori’ ondatio
vaho handrenge Aze ami’ty
fiambesa’ o androanavio.
33 Afote’e ho ratraratra o sakao, naho ho tane kankañe o torahañeo;
34 ho fatran-tsira ty tane kobokara,
ty ami’ty tsihavokara’
o mpitobok’ ama’eo.
35 Ampanginakinahe’e o tane mihedatseo, vaho ampanganahanae’e o kirikintañeo;
36 hampitobea’e o limpoañeo,
hañoreña’iareo rova fimoneñañe.
37 Handrarake an-teteke ao iereo,
naho hambole tetem-bahe,
vaho hanonton-tsabo vokatse;
38 Tahie’e ka iereo hanaranàha’e maro,
le tsy apo’e hiha-rìtse o añombe’eo.
39 Ie nitaketrake iereo,
ninìke ami’ty famorekekeañe,
naho fanilofañe, vaho anahelo;
40 ampidoaña’e ìnje o roandriañeo, ampiriorioe’e am-bangý
tsy aman-dalañe añe,
41 toe aonjo’e ambone’ o hasotriañeo
i rarakey,
vaho anoe hoe lia-raike o hasavereña’eo.
42 Isa’ o vantañeo zay le mifale,
fonga mamìm-bava ka ty hatsivokarañe.
43 Ia ty mahihitse, hiharaharà’e?
ie ro mahafohiñe ty fiferenaiña’ IEHOVÀ.

# 108

*Onin-tSabo’ i Davide, titiheñe*
1 Migahiñe ty troko,
ry Andrianañahare,
hisaboako; handrengeako,
eka, boak’ añovako ao.
2 Mibarakaoha ry valiha naho jejo-bory!
hitsekafako ty manjirik’ andro.
3 Hañandriañe Azo raho ry IEHOVÀ,
añivo’ o fifeheañeo;
ho rengeko an-tsabo aivo’ ondatio.
4 Amy te abo te amy likerañe eñey
ty fiferenaiña’o;
vaho mb’an-drahoñe ey ty figahiña’o.
5 Mionjona! ry Andrianañahare, mb’andindìn-dikerañe añe,
naho ty enge’o mb’ ambone’ ty tane toy.
6 Soa te hahàñe o kokoa’oo,
rombaho am-pità’o havana,

vaho toiño raho.
7 Nitsara ami'ty hamasiña'e
t'i Andrianañahare:
Hitreñe raho, ho zaraeko ty Sekeme
ho tsahareko ty vavatane' i Sokote.
8 Ahy t'i Gilade, Ahiko t'i Menasè; naho fikalan-dohako t'i Efraime,
vaho kobaiko t'Iehodà*;
9 Sajoa fisasàko t'i Moabe,
apoko amy Edome ty hànako;
ambone' i Pilistý ey ty hitreñako.
10 Ia ty hinday ahy mb'amy
rova fatratsey ao?
Ia ty hiaolo ahy mb' Edome mb'eo?
11 Fa naforintse'o hao zahay,
ry Andrianañahare?
Tsy hitraofe'o fionjoñe hao o lahin-defo'aio, ry Andrianañahare?
12 Ehe oloro amo rafelahio,
fa tsy vente'e ty fandrombaha' ondatio.
13 Hampanjofak'anay t'i Andrianañahare,
ie ty handialia o rafelahi'aio.

# 109

*Ho a i Talè, Sabo' i Davide* 1 Ry Andrianañaharem-pandrengeako, Ko mianjiñe,
2 fa nasoka' iareo amako ty vava raty
naho ty vavam-pamañahiañe
fa nifosa ahy an-dela mibodiake.
3 Niarikoboña' iareo am-pivolam-palaiñañe;
vaho nialy amako tsy am-poto'e.
4 Manisý ahy iereo ho valem-pikokoako,
zaho mpitalaho.
5 Tinambe' iareo raty hasolo ty soa naho falaiñañe hasolo ty fikokoako.
6 Tendreo ty lo-tsereke hifehe aze,
ampijohaño am-pitàn-kavana'e
ty mpañinje,
7 ie zakaeñe, ampiboaho te voa,
le hatao tahiñe i fisolohoa'ey.
8 Ho tomoreñe o andro'eo,
vaho ho tavaneñe i fitoloña'ey.
9 Le ho bode-rae o ana'eo vaho ho ramavoy ty vali'e.
10 Ho mpangatake miriorio o ana'eo;
hipay ty lintse'iareo am-bangiñe añe.
11 Hifetreha' ty mpampisongo
ze hene vara'e;
naho ho volose' o ambahinio
ty tolin-kamokora'e.
12 Ee t'ie tsy ho am-piferenaiñañe,
naho leo raike tsy hitretre
o ana'e bode-raeo
13 Haitoañe o tiri'eo,

* **108:8** Fot 49:10, Sab 60:7

vaho ho faopaoheñe
ami'ty tariratse handimbe ty añara' iareo.
14 Le ho tohineñe am' IEHOVÀ
ty hakeon-drae'e;
naho tsy ho faoheñe ami tahin-drene'e.
15 Ho aolo' IEHOVÀ nainai'e abey iereo,
soa te hapitso'e an-tane atoy
ty fitiahiañe iareo.
16 Amy te namoea'e ty hiferenaiñe,
te mone nampisoañe ondaty rarake naho poie'e, naho ty mioremeñe,
hañohofa'e loza.
17 Ie nimpitea onjitse, le nifotetse ama'e, nalain-tata re, le nihànkaña'e.
18 Nanaroñe aze hoe sarimbo
ty fañompà'e;
nizilik' an-tro'e ao hoe rano,
naho hoe solik' an-taola'e ao.
19 Ho ama'e manahake
ty lamba iombea'e, naho hoe
ty sadia fidiaña'e.
20 Zay ty paia' o malaiñe ahio
hanoe' IEHOVÀ amako,
o mañofoke ty fiaikoo.
21 F'Ihe, ry IEHOVÀ Talè,
ano amako sazò i tahina'oy;
ami'ty hasoa ty fiferenaiña'o, ihahao,
22 fa misotry naho rarake,
naho fere ty troko añ'ovako ao;
23 zaho mimian-koe talinjo mitibake
vaho nahifik' añe hoe valala.
24 Mitrezontrezo ty ongoko fa mililitse;
vaho boroka ty sandriko,
tsy aman-tsolike.
25 Ifosàñe, te isa' iareo,
le akofikofi'iareo loha.
26 Imbao raho, ry IEHOVÀ
Andrianañahareko; rombaho raho
ty amy fiferenaiña'oy.
27 Hahafohina' iareo t'ie i fità'oy,
te Ihe ry IEHOVÀ, ro mitoloñe.
28 Angao hamàtse iereo,
f'ihe mitahia;
ie mitroatse le ho salatse,
fe ho fale ty mpitoro'o.
29 Hampisikineñe hameñarañe
o mpanesek' ahikoo,
naho hiholonkoñan-kasalarañe
hoe sarimbo.
30 Honjone' ty vavako fañandriañañe t'IEHOVÀ;
ho rengeko añivo' i màroy.
31 Amy t'ie mijohañe
am-pitàn-kavana' ty poie'e,
hañaha'e amo mpanisì' azeo.

# 110

*Sabo' i Davide* 1 Hoe t'IEHOVÀ amy Talèkoy:
Miambesara an-tañan-kavanako etoa,
ampara' te anoeko atimpahe'o
o rafelahi'oo.
2 Hirahe' IEHOVÀ boak'e Tsiône ao
ty kobain-kaozara'o:
Mifehea añivon-drafelahi'o eo!
3 Hahimbañe ondati'oo amy andron-kaozara'oy,
ami'ty havolonahen-kamasiñañe;
boak'an-kovim-panjirik' andro ao;
ama'o ty zono-katora'o.
4 Nifanta t'IEHOVÀ, vaho tsy hilesa:
Mpisoroñe nainai'e rehe, ami'ty famosora' i Melkizedeke.
5 I Tale am-pitàn-kavana'oy ty
handemoke mpanjaka
amy andron-kaviñera'ey.
6 Hizaka'e añivo' o fifeheañeo ré,
le ho lipore'e lolo ty ao,
ho hotohotoe'e an-tane mienene
ty loha maro.
7 Hikama rano an-torahañe
añ'olon-dalañe eo re,
vaho hampiandrae'e ty añ'ambone'e.

# 111

1 א Treño t'IÀ !
andriañeko t'IEHOVÀ
an-kaliforan-troke
ב añivo' ty fivori' o vañoñeo,
naho amy valobohòkey.
2 ג Jabahinake o tolon-draha' IEHOVÀo;
ד hene biribirie' o mifale ama'eo.
3 ה Lifots' engeñe naho volonahetse
o sata'eo,
ו nainai'e ty havantaña'e.
4 ז Nanoe'e ho tiahy
o fitoloña'e tsitantaneo;
ח matarike naho mpanolots'arofo
t'IEHOVÀ.
5 ט Anjotsoa'e mahakama
o mañeveñe ama'eo;
י ho tiahi'e nainai'e i fañina'ey,
6 כ Fa naboa'e am' ondati'eo
ty haozara' o fitoloña'eo,
ל amy nanolora'e iareo
ty lova' o kilakila 'ndatioy.
7 מ To naho mahity o satam-pità'eo; נ vantañe iaby o fandilia'eo.
8 ס Ie noriza'e tsy ho modo nainai'e donia,
ע fa nanoeñe am-pigahiñañe
naho an-kavañonañe.
9 פ Nihitrife'e fijebañañe ondati'eo

צ linili’e ho nainai’e i fañina’ey
ק masiñe naho mampañeveñe ty tahina’e.
10 ר Fifotoran-kihitse ty fañeveñañe am’ IEHOVÀ;
ש hene mahilala ze mañorike aze.
ת mizoañe nainai’e ty fandrengeañe aze.

# 112

1 א Treño t’IÀ.
Haha t’indaty mañeveñe am’ IEHOVÀ,
ב mahafale aze o taro’eo.
2 ג Hanjofak’ an-tane atoy o tarira’eo;
ד Ho soa-tata ty taminga’ o vañoñeo.
3 ה Vara naho hanañañe
ty añ’anjomba’e ao,
ו vaho nainai’e ty havantaña’e.
4 ז Anjirihan-kazavàñe añ’ieñe ao
ty vañoñe,
ח matarike re, lifo-tretrè vaho vantañe.
5 ט Tahie’e t’indaty matarike
naho mampìndrañe,
י naho mandahatse o tolon-draha’eo an-kahiti’e;
6 כ Le lia’e tsy hasiotse re;
ל ho tiahy nainai’e o vañoñeo.
7 מ Tsy hampitsonevotse aze ty talily raty;
נ migahiñe ty arofo’e,
IEHOVÀ ro fatokisa’e.
8 ס Mioreñe ty arofo’e,
tsy ho hemban-dre
ע ampara’ te sambae’e o rafelahi’eo.
9 פ Fa nandiva’e mbeombeo,
nanolora’e o rarakeo,
צ nainai’e ty havantaña’e;
ק haonjoñe an-kasiñe ty tsifa’e.
10 ר Ho trea’ ty tsivokatse,
le hitarik’aiñe,
ש hivaza-kota vaho hitranake;
ת ho mongotse ty fañiria’ o lo-tserekeo.

# 113

1 Treño t’IÀ.
mandrengea, ry mpitoro’ IEHOVÀ,
bangò ty tahina’ IEHOVÀ.
2 onjoneñe ty tahina’ IEHOVÀ,
henane zao naho nainai’e donia.
3 Boak’ ami’ty fanjiriha’ i àndroy
pak’ami’ty fitsofora’e,
le bangoañe ty tahina’ IEHOVÀ.
4 Andigiligi’ ze hene fifeheañe t’IEHOVÀ,
andindi’ o likerañeo ty enge’e.
5 Ia ty mañirinkiriñe IEHOVÀ
Andriananañaharentika,
Mpiambesatse an-dindìñe añe,

6 Mibotreke re hivazohoa’e
o likerañeo naho ty tane toy.
7 Ampitroare’e boak’ an-debok’ ao
o rarakeo vaho ongaha’e
am-botren-ditsak’ ao ty mpisotry,
8 hampindreza’e fiambesatse
amo roandriañeo,
amo ana-dona’ ondati’eo
9 Ampitaiae’e añ’anjomba’e ao
ty betsiterake, hifalea’e te renen’ anake. Treño t’IÀ !

# 114

1 Ie niakatse e Mitsraime t’Israele,
ty anjomba’ Iakobe boak’ am’ondaty
hafa fisaontsio
2 le nanoe’e toetse miavake t’Iehodà
naho boriza’e t’Israele.
3 Nañente i riakey, le nibioñe,
nimpoly t’Iordane;
4 Nitrekotreko hoe añondrilahy
o vohitseo,
hoe anak-añondry o tambohoo.
5 Akore, ry riakeo te mibioñe?
ry Iordane, te miesoñe?
6 ry vohitseo, te mitsamboatsamboañe
hoe añondrilahy,
ry tamboho, hoe anak-añondry?
7 Mihondrahondrà, ry tane toy,
añatrefa’ i Talè,
aolo’ i Andrianañahare’ Iakobey,
8 ie nampañova ty vato ho sihanake, i lamilamiy ho rano mifororoake.

# 115

1 Tsy zahay ry IEHOVÀ,
tsy zahay fa i tahina’oy,
ro anolorañe engeñe,
ty amy fiferenaiña’o
naho ty figahiña’o.
2 Ino ty atao’ o kilakila ‘ndatio ty hoe: Aia t’i Andrianañahare’ iareo?
3 Andindiñe ao t’i Andrianañaharentika;
anoe’e iaby ze satrin’ arofo’e.
4 Volamena naho vola-foty ty fitalahoa’ iareo, satam-pità’ ondaty.
5 Amam-bava iereo, fe tsy mivolañe,
ama-maso, f’ie tsy mahatrea;
6 aman-tsofy, f’ie tsy mahatsanoñe;
aman’ oroñe, f’ie tsy mahaàntsoñe;
7 aman-taña, f’ie tsy maharambe,
aman-tomboke, f’ie tsy mahalia;
tsy mahalefe fiñeoñeoñañe o feo’eo.
8 Ho hambañe ama’e ty mamboatse aze, Eka! ze hene mpiato ama’e.
9 Ry Israele, atokiso IEHOVÀ!
Ie ty mpañimba naho kalan-defo’ iareo.

10 Ry tarira’ i Aharone, atokiso IEHOVÀ!
Ie ty mpañimba naho kalan-defo’ iareo.
11 Ry mañeveñe am’ IEHOVÀ,
atokiso IEHOVÀ!
Ie ty mpañimba naho kalan-defo’ iareo.
12 Fa nitiahi’ IEHOVÀ tika, ho tahie’e;
ho soae’e ty anjomba’ Israele, ho soae’e ty anjomba’ i Aharone,
13 ho tahie’e o mañeveñe am’ IEHOVÀo,
ndra ty kede ndra ty bey.
14 Hampivangongoe’ IEHOVÀ nahareo,
inahareo naho o tiri’ areoo,
15 hampanintsiña’ IEHOVÀ,
Andrianamboatse i likerañey
naho ty tane toy.
16 O andikerañeo!
a IEHOVÀ o likerañeo,
fe natolo’e amo ana’ i Dameo
ty tane toy.
17 Tsy mandrenge IÀ o vilasio,
ndra ia ia mizotso mb’am-bangìñe ao;
18 Fe hañandriañe IÀ tika henane zao ho nainai’e nainai’e.
Treño t’IÀ !

# 116

1 Kokoako t’IEHOVÀ amy te janji’e
ty feoko naho o halalikoo,
2 Amy te nanokilaña’e ravembia,
le ho tokaveko Amy ze hene androko.
3 Nivandire’ o talin-kavilasio raho,
nazi’ i tsikeokeokey;
nizò fikoretañe naho anahelo.
4 Le nikanjieko ty tahina’ IEHOVÀ:
Ehe, r’IEHOVÀ, hahao ty fiaiko!
5 Matarike t’IEHOVÀ naho mahity;
Eka, mpitretrè t’i Andrianañaharentika.
6 Arova’ IEHOVÀ o trentrañeo,
nizo havoretra raho fe rinomba’e.
7 Mimpolia mb’am-pitofà’o ao ry fiaiko,
fa nampiraorao azo t’IEHOVÀ.
8 Fa navotso’o an-kavetrahañe ty fiaiko,
tsy ho foy rano o masokoo, tsy hitsikapy o tombokoo,
9 t’ie hitsontik’ añatrefa’ IEHOVÀ,
an-tanen-kaveloñe ao.
10 Nahatoky avao ndra te nataoko ty hoe: Mafe ty fisotriako.
11 Hoe raho te nianifañe:
Fonga Remborake ondatio.
12 Akore ty hañavahako am’ IEHOVÀ?
ami’ty habein-kasoa’e amako?
13 Ho zonjoñeko
ty fitovim-pandrombahañe
vaho hikanjy ty tahina’ IEHOVÀ.
14 Havahako o nifantàko am’ IEHOVÀo,

añatrefa’ ondati’e iabio.
15 Sarotse am-pihaino’ IEHOVÀ
ty havilasi’ o noro’eo.
16 Ry IEHOVÀ, toe mpitoro’o raho, fetrek’oro’o,
ty anan’ anak’ampata’o;
fa nabala’o o rohikoo.
17 Hengaeko sorom-pañandriañañe,
vaho ho kanjieko ty tahina’ IEHOVÀ.
18 Hondrohako am’ IEHOVÀ
o nifantàkoo,
Eka, añatrefa’ ondati’e iabio.
19 An-kiririsan’anjomba’ IEHOVÀ eo,
añivo’o ao, ry Ierosalaime.
Treño t’IÀ!

# 117

1 Rengeo t’IEHOVÀ ry kilakila‘ndatio,
onjono, ry hene ondatio.
2 Amy te ra’elahy ty fiferenaiña’e antikañe, nainai’e donia ty hatò’ IEHOVÀ.
Treño t’IÀ.

# 118

1 Andriaño t’IEHOVÀ amy te Ie ro soa!
nainai’e ty fiferenaiña’e.
2 Anò ty hoe ry Israele :
nainai’e ty fiferenaiña’e.
3 Anò ty hoe ry anjomba’ i Aharoneo :
nainai’e ty fiferenaiña’e.
4 Anò ty hoe ry mpañeveñe am’ IEHOVÀ :
nainai’e ty fiferenaiña’e.
5 Nalovilovy raho, le nitoreo am’ IÀ;
nanoiñe ahiko t’IÀ,
le navotra’e an-gadagadañe eo.
6 Amako t’IEHOVÀ, tsy ho hemban-draho,
ino ty hanoa’ondatio?
7 Amako t’IEHOVÀ, mpañolotse ahiko,
le ho sambaeko o malaiñ’ ahio.
8 Hamake t’ie mipalitse am’ IEHOVÀ,
ta te misazok’ am’ ondatio.
9 Kitra’e mitsolok’ am’ IEHOVÀ,
ta te mirampy amo roandriañeo.
10 Hene miarikoboñe ahy o fifeheañeo
fe iatoako ty tahina’ IEHOVÀ.
11 Miarikatok’ ahy iereo,
eka, toe misambory amako,
fe iatoko ty tahina’ IEHOVÀ.
12 Niropak’ amako hoe rene-tantele iereo,
f’ie hakipike hoe fatike mirehetse;
toe iatoako ty tahina’IEHOVÀ.
13 Nanafasiotse ahy iereo* hikorovohako,
fe nañimb’ ahy t’IEHOVÀ.

* 118:13 Heb: rehe

14 IEHOVÀ ro haozarako naho saboko,
ie ro fandrombahañe[†] ahy henane zao.
15 Inao ty feom-pirebehañe naho
fandrombahañe an-kivoho' o vañoñeo ao: mavitrike ty fitoloñam-pitàn-kavana'
IEHOVÀ. 16 Mizonjoñe ty fitàn-kavana' IEHOVÀ;
mahimbañe ty fitàn-kavana' IEHOVÀ.
17 Tsy hikenkan-draho fa ho veloñe,
hataliliko o sata' IEHOVÀo.
18 Nanilofe' Ià am-pandilovan-draho,
fe tsy natolo'e an-kavilasy.
19 Sokafo ho ahy
o lalam-bein-kavantañañeo,
hizilihako, hañandriañako IEHOVÀ.
20 Intoy ty lalam-bei' IEHOVÀ, hiziliha'o vañoñeo.
21 Andriañekoo amy te tinoi'o,
fa Ihe ro fandrombahañe ahy.
22 I vato nado' o mpandrafitseoy le fa talèm-batolahy[‡].
23 Sata' IEHOVÀ zay,
le fiain-tane am-pihainon-tikañe.
24 Itoy ty andro tsinene' IEHOVÀ,
antao hirebeke naho hifale ama'e.
25 Ry IEHOVÀ,
Ehe, rombaho zahay henaneo!
ry IEHOVÀ,
Ehe, ampiraoraò henane zao!
26 Andriañeñe ty mitotsak' ami'ty tahina' IEHOVÀ![§]
mañandriañe azo zahay
boak'añ'anjomba'IEHOVÀ ao.
27 Andrianañahare t'IEHOVÀ,
Ie ty nanolotse hazavàñe amantika;
mireketa reke-tsampañe
amo mpamonje sabadidakeo[*], mivovotse
mb' an-tsifa' i kitreliy mb'eo.
28 Ihe ro Andrianañahareko,
le andriañekoo;
Andrianañahareko rehe, ho zonjoñeko.
29 Andriaño t'IEHOVÀ amy te ie ro soa!
nainai'e ty fiferenaiña'e.

# 119

*1* א Alefe[*]
Haha o vantañe amy lia'eio,
o mañavelo amy Hà'IEHOVÀio.
2 Haha o miambeñe o taro'eoo,
ty mitsoek' aze an-kaliforañ' arofo;
3 Tsy manao ty hatsivokarañe
t'ie manonjohy o lala'eo.

---

[†] **118:14** Avo 15:2 [‡] **118:22** Heb: kalan-kotsoke, Top 4:11 [§] **118:26** Mat 21:9, Jao 12:13, Its 18:18-20 [*] **118:27** Sabadida-Sokemitraha, 15 Saramañitse [*] **119:1** Mifandime ami'ty abody Hebreo, nalahatse kivalo sindre mifototse am-peo raike ty valo. Alef: 'A' ami'ty abode Hebreo: Añombelahy

4 Fa najado'o o fepè'oo
hañorihan-tika an-joton-troke.
5 Hizoañe abey o liakoo,
hañambenako o fañè'oo !
6 Le tsy ho salaren-draho
naho hotsohotsoeko iaby o fepè'oo,
7 Handriañeko rehe an-kalio-troke,
handrendreke o fizaka'o too.
8 Hambenako o fañè'oo;
ko farie'o zafe-anake.

*ב Bete*†
9 Akore ty hañaliova' ty ajalahy i lia'ey?
hambena'e amo tsara'oo.
10 Nitsoeheko rehe an-kaàmpon-troke;
vontitiro raho tsy handifike o fepè'oo.
11 Fa nahajako an-trok' ao o saontsi'oo
tsy handilatse ama'o.
12 Andriañen-dRehe, ry IEHOVÀ;
anaro ahy o fañè'oo.
13 Nitaroñe' o soñikoo
ze hene fizakam-palie'o.
14 Firebehako ty lala' o taro'oo hambañ' amy ze atao vara iaby.
15 Ho tsatsiheko o fepè'oo, vaho ho biribirieko o lala'oo.
16 Hifaleako‡ o fañè'oo,
tsy handikofako o tsara'oo.

*ג Gimele*§
17 Matariha amy mpitoro'oy,
hahaveloñ' ahy hañorike o tsara'oo.
18 Sokafo o masokoo hahatrea raha fanjaka amy Tsara'oy.
19 Mpitaveañe an-tane atoy raho;
ko aeta'o amako o fandilia'oo.
20 Demoke ty fiaiko
salalakeo lomoñandro o fizaka'oo.
21 Trevohe'o o mpitrotroabokeo—
o fokompàtse mandridrìke amo fetse'oo.
22 Asitaho amako ty rabioñe
naho ty teratera,
fa ambenako o taro'oo.
23 Ndra te mitoboke,
mikabo-draha amako o roandriañeo,
mininike o fañè'oo ty mpitoro'o.
24 Eka, mahaehak' ahy o taro'oo;
toe mpamere ahy.

*ד Dàlete**
25 Mipitek' an-debok' ao ty fiaiko;
ampisotrafo amo tsara'oo.
26 Ie nataliliko o satakoo,
le natoi'o, anaro ahy o fañè'oo.

---

† **119:8** Bete: 'B' ami'ty Hebreo: anjomba, traño ‡ **119:16** Sab 119:24,35,47,70,77,92,143,174, Rom 7:22
§ **119:16** Gimele: 'G' Hebreo; rameva, fandia * **119:24** Dalete: 'D' Hebreo; lalan-traño

27 Ampaharendreho ahy
ty lala’ o fepè’oo,
hitsakoreako o fitoloña’o fanjàkao.
28 Mitronake am’ anahelo ty fiaiko;
ampahozaro amo tsara’oo.
29 Ampisitaho amako
ty lalan-dremborake;
atorò ahy am-patarihañe o Tsara’oo.
30 Fa jinoboko ty lalam-pigahiñañe,
naho fa nalahako o fizakà’oo.
31 Ie mipitek’ amo taro’oo;
ry IEHOVÀ,
ko anga’o ho salareñe.
32 Hilaisako ty lala’ o fandilia’oo, amy t’ie nanibake ty troko.

### ה *He*†

33 Anaro ahy, ry IEHOVÀ,
ty lala’ o fañè’oo;
le horiheko pak’ am-pigadoñako.
34 Omeo hilala raho,
hañambenako o Tsara’oo,
le horiheko an-kaliforan-troke.
35 Ampandiao ahy ty oloñolo’
o fandilia’oo,
amy t’ie mahafale ty troko.
36 Ampitokilaño amo fañè’oo ty troko
tsy hitomboa’e am-patitiañe.
37 Avioño o masokoo tsy hañente
ty tsy vente’e;
ampahimbaño amo lala’oo.
38 Henefo amy mpitoro’oy o saontsi’oo,
ty amy fañeveñako ama’o.
39 Ahankaño añe ty ìnje’
o mampangebahebak’ ahikoo,
amy te soa o fizakà’oo.
40 Hete ! salalaeko o fepè’oo!
ihetsefo amo fahiti’oo.

### ו *Vav*‡

41 Ampombao amako ty fiferenaiña’o ry IEHOVÀ,
ty fandrombaha’o ty amo saontsi’oo;
42 hahafitoiñako ty mañorohoro ahiko,
fa iatoako o tsara’oo.
43 Ko sintone’o am-bavako
ty tsara-to, fa salalaeko o nafè’oo,
44 Le hambenako lomoñandro o Tsara’oo, eka, nainai’e donia;
45 Hijelanjelañe am-pidadàñe raho,
amy te hotsohotsoeko o fepè’oo.
46 Ho talilieko añatrefam-panjaka
o taro’oo le tsy ho salatse,
47 Hifaleako o fandilia’oo

---

† **119:32** He: ‘h’ Hebreo: Heheke!; taña-mizonjo ‡ **119:40** Vàv: ‘V’ : Heb: kitro, fahañe

toe kokoako.
48 Zonjoñeko amo fandilia’oo o tañakoo,
fa kokoako, vaho haereñereko o fañè’o.

### ז *Zène*§

49 Tiahio i nitsaraeñe amy mpitoro’oiy,
amy t’ie nampitamae’o.
50 Zao ty mampanintsiñe ahy
amo faloviloviakoo,
te nahajangañe ahy o saontsi’oo.
51 Mitolom-piteratera ahy
o mpirengevokeo,
fe tsy mivik’ amo Tsara’oo raho.
52 Tiahiko o fizakà’o haehaeo,
ry IEHOVÀ, fa nahaeneñ’ ahy.
53 Filoroloro-mena ty mamihiñe ahiko
ty amo lo-tsereke
mampipoke i Tsara’oio.
54 O fañè’oo ro fisaboako an-kialo fitaveañako.
55 Tiahiko ami’ty haleñe
ty tahina’o ry IEHOVÀ,
vaho oriheko o Tsara’oo.
56 Zao ty ahy
te ambenako o fepè’oo.

### ח *Khète**

57 IEHOVÀ ro anjarako;
fa nifanta t’ie hañorike o tsara’oo.
58 Fa nipaiako an-kaampon-troke
ty fañisoha’o; tretrezo raho
ty amo nampitama’oo.
59 Nitsakoreko o liakoo le nampitoliheko mb’amo taro’oo o tombokoo.
60 Nalisa raho tsy nihenekeneke
hañambeñe o fandilia’oo.
61 Mamejañe ahiko ty hafo’ o lo-tserekeo, fe tsy andikofako o Tsara’oo.
62 Mitroatse antetsalen-draho
hañandriañe Azo
ty amo fizakà’o vantañeo.
63 Ràñeko o mañeveñe ama’o iabio,
naho o mpañorike o fepè’oo.
64 Lifotse ty fiferenaiña’o ty tane toy,
ry IEHOVÀ; anaro ahy o fañè’oo.

### ט *Tète*†

65 Fa nisoae’o ty mpitoro’o, ry IEHOVÀ,
ty amo enta’oo.
66 Anaro hilala naho hihitse,
amy te atokisako o fandilia’oo.
67 Nandifike hey raho le nalovilovy,
fe ifaharako o saontsi’oo henane zao.
68 Soa rehe, mpanao ty soa;
anaro ahy o fañé’oo.

---

§ **119:48** Zaine: ‘Z’ : Heb: fialiañe, lasary * **119:56** Khete: ‘Kh’ : Heb: kijoly † **119:64** Tete: T tsotra, Heb : mereñe

69 Mamoroñe vande amako
o mpinefonefokeo,
fe hene ahajako an-troke ao o fepè'oo.
70 Vondrake hoe sabora ty tro' iareo,
fe mahanembanembañ' ahiko o Tsara'oo.
71 Nahasoa ahiko te nisilofeñe,
hianarako o fañè'oo.
72 Fanjaka amako ta ty volamena naho
ty volafoty añ'arivo'e o Tsaram-palie'oo.

*י Ieòde*‡
73 Namboatse naho nitsene ahy o fità'oo; toloro hilala hianarako
o fandilia'oo.
74 Ho isa' o mañeveñe ama'oo raho le hifale, fa o tsara'oo ty fitamako.
75 Apotako ry IEHOVÀ,
te vantañe o fizakà'oo,
naho figahiñañe ty nanotria'o ahy.
76 Ehe ohò ami'ty fikokoa'o migahiñe,
ty amy nafè'o amy mpitoro'oy.
77 Ampombao mb'amako ty fitretreza'o hahaveloñ'ahy,
fa ifaleako o Tsara'oo.
78 Salaro o mpiebotsebotseo,
ie nañadroadro ahy tsy vente'e;
fa ereñèreko o fepè'oo.
79 Ampimpolio amako o mañeveñe ama'oo, naho o mahafohiñe o taro'oo.
80 Hahity amo fañè'oo abey ty troko,
tsy mone ho salareñe.

*כ Kàfe*§
81 Ho mokoreko fiaiñe o fandrombaha'oo,
ty amy fisalalàko o enta'oo.
82 Mampilesa o masokoo o saontsi'oo; anoako ty hoe:
Ombia ty añohoa'o ahy?
83 Ndra t'ie hoe gorogoron-divay an-katòeñe ao, tsy haliñoko o fañè'oo.
84 Fire ty andro' i mpitoro'oy?
Ombia te ho zakae'o
o mpanao samporerak' ahikoo?
85 Fa nihaly koboñe ho ahiko
o mpitrotroabokeo,
o tsy mañaoñe o Tsara'oo.
86 Migahiñe iaby o fandilia'oo;
ampisoañe' iereo am-pamañahiañe,
imbao raho!
87 Didý tsy nifaohe'iareo an-tane atoy,
fe zaho, tsy apoko o fepè'oo.
88 Hetsefo raho ami'ty fiferenaiña'o,
hañorihako o tarom-palie'oo.

*ל Làmede**
89 Nainai'e, ry IEHOVÀ, ty fijadoña'
o tsara'oo an-dindìñe ao;

‡ **119:72** Yode: 'iè' Heb: fita mivokeñe § **119:80** Kaf: 'K ndra Kh' Heb: Lelam-pitañe * **119:88** Lamede: 'L' Heb: Kobaiñe

90 Manitsike ze hene tariratse
mifandimbe ty figahiña'o;
kanao norize'o ty tane,
mijadoñe zay.
91 O fizakà'oo ty ijohaña' iareo henaneo;
kila mitoroñ' azo.
92 Naho tsy nahaehak'ahy o Tsara'oo
le ho nihomak' amy hasotriakoy.
93 Tsy ho haliñoko ka o fepè'oo,
fa iereo ro nanotrafa'o ahiko.
94 Kanao azo raho, rombaho;
fa nitsikaraheko o fepè'oo.
95 Fa hañè-doza amako o lo-tserekeo,
fe ho tsakorèko o taro'oo.
96 Nitreako te hene higadoñe ze atao safiry; fe toe milañelàñe o fandilia'oo.

### מ *Meme*†

97 Hirý! ty fikokoako o Tsara'oo‡!
Kinañeko lomoñadro.
98 Mampahihitse ahy ambone'
o rafelahikoo o fandilia'oo,
fa amako nainai'e.
99 Andikoareko an-kilala ze hene mpañok' ahy,
amy te ereñereko o taro'oo.
100 Milikoatse ty faharendreha' o taoloo ty ahiko,
amy te ambenako o fepè'oo.
101 Ampiholiareko amy ze lalan-draty iaby
o tombokoo;
hañorihako o tsara'oo.
102 Tsy nisitahako o fizakà'oo,
amy te Ihe ty mañòk' ahy.
103 Akore ty hamami' o saontsi'oo
an-dañilañiko ao,
lombolombo te ami'ty tantele
am-bavako ao!
104 O fepè'oo ro mampandrendrek'ahy,
fonga hejeko ze lalam-bìlañe.

### נ *Nòne*§

105 Failo amo tombokoo o tsara'oo,
naho hazavàñe añ'oloñoloko eo.
106 Fa nifanta raho vaho hajadoko
te hambenako o fizakà'o vantañeo.
107 Loho miatra-draha raho;
Ampisotraho amo tsara'oo
raho ry IEHOVÀ.
108 Iantofo ry IEHOVÀ
o banabanam-bavakoo,
vaho anaro ahy o fizakà'oo.
109 An-tañako ao nainai'e ty fiaiko,
fe tsy ho likofeko o Tsara'oo.
110 Nampidreña-pandrike ho ahy

---

† **119:96** Mem: 'M' Hebreo: rano ‡ **119:97** Toe Hake: a.113,119,127,163,165,167 § **119:104** None: 'N' Hebreo; fia, tabiry

o lo-tserekeo,
fe tsy nivihako o fepè’oo.
111 Linovako ho nainai’e o taro’oo,
le irebeha’ ty troko.
112 Fa natokilako ty troko
hañoriha’e nainai’e o fañè’oo,
pak’am-pigadoña’e añe.

### ס *Sameke**
113 Hejeko ty milolohe roe,
fe kokoako o Tsara’oo.
114 Ihe ro fipalirako naho kalan-defoko;
o tsara’oo ro fisalalàko.
115 Misitaha amako ry lo-tserekeo!
hiambenako o fandilian’ Añaharekoo!
116 Tozaño amo saontsi’oo raho,
soa te ho veloñe;
le ko ampisalareñe amy fitamàko.
117 Tohaño le ho tra-drombake,
hitoloñako amo fepè’oo nainai’e.
118 Aforintseo ze mandifike
amo fepè’oo,
fa vande ty famañahia’ iareo.
119 Ado’o hoe taim-pira
ze fonga tsy vokatse an-tane atoy;
zay ty ikokoako o taro’oo.
120 Mitititititik’ an-kahembañañe ama’o
o nofokoo;
fa mampañeveñe ahy o fizakà’oo.

### ע *Aine*†
121 Fanoeko ty hatò naho ty havantañañe,
ko anga’o amo mpañelok’ ahio.
122 Tsoeho ho an-kasoa
ty mpitoro’o,
ko ado’o hanindria’
o mpirengevokeo
123 Ilesà’ o masokoo ty fandrombaha’o
naho o saontsi’o vañoñeo.
124 Anò am-piferenaiña’o ty mpitoro’o,
vaho aòho ahy o fañè’oo.
125 Mpitoro’o raho,
toloro hilala handrendrehako o taro’oo.
126 Tondroke ty hitoloña’ IEHOVÀ;
fa nivalik’ amo Tsara’oo iereo.
127 Toe kokoako mandikoatse
o volamenao
o fandilia’oo, ambone’ ty volamena ki’e,
128 vaho iantofako te vantañe
te amy ze he’e o fepè’oo;
fonga hejeko ze lalam-bàlañe.

---

* **119:112** Samekh: ‘S’ masioñe Heb: fikalañe, fatike † **119:120** Aine: ze feo itolorañe; fihaino

פ *Pe*‡

129 Fanjaka o taro’oo;
le ifahara’ ty troko.
130 Minday hazavàñe ty famentarañe o tsara’oo;
mampandrèndreke ty bànoke.
131 Nitañataña vava raho,
nisefosefo amy fisalalàko
o fandilia’ooy.
132 Mitoliha amako le tretrezo,
ie anoe’o amo mikoko i tahina’oio.
133 Alaharo amo fetse’oo ty liako;
le ko apo’o ho fehen-kakeo
inoñ’inon-draho.
134 Jebaño ami’ty famorekekea’ ondatio, hañorihako o fepè’oo.
135 Ampireandreaño amy mpitoro’oy
ty lahara’o,
vaho aòho ahy o fañè’oo.
136 Mikararake rano hoe torahañe
o masokoo,
ami’ty tsy fañoriha’ iareo o Tsara’oo.

צ *Tsadý*§

137 Vantan-dRehe, ry IEHOVÀ,
naho vañoñe o fizakà’oo.
138 Fa nafanto’o an-kahiti’e o taro’oo,
naho am-pigahiñañe ra’elahy;
139 Mametrak’ ahiko ty fahimbañako,
ami’ty fandikofa’ o rafelahikoo o tsara’oo.
140 Vata’e niventèñe o nafè’oo,
vaho ikokoa’ ty mpitoro’o.
141 Kede raho naho mavoeñe,
fe tsy haliñoko o fepè’oo.
142 Toe marentane nainai’e tsy modo
o havantaña’oo;
vaho to o Tsara’oo.
143 Tendrek’ ahiko ty hasotriañe
naho ty haloviloviañe,
fe mahafale ty troko o fandilia’oo.
144 Vantañe nainai’e o taro’oo;
toloro hilala hivelomako.

ק *Kòfe**

145 Fa nitoreo an-kaampon-troke:
toiño raho ry IEHOVÀ; hañorihako o fañè’oo.
146 Mikanjy Azo, ehe rombaho,
fa hambenako o taro’oo.
147 Mañampitso t’ie mitroatse
naho mikaike; misalala o tsara’oo.
148 Mitamà o fijilovan-kaleñeo o masoko, mañereñere’ o nafè’oo.
149 Janjiño ty feoko amo fiferenaiña’oo;
isotrafo, ry IEHOVÀ, ty amo nafe’oo.

---

‡ **119:128** Pe: ‘P’ ndra ‘F’ te Hebreo : Falie misokake § **119:136** Tsadìke: ‘Ts’ te Hebreo: vantañe, vìntañe
* **119:144** Kofe: ‘K’ Hebreo. gadon-doha, masoandro

150 Fa mitotoke o mpikitro-draha ratio,
o mitotse amo Tsara'oo.
151 Marine rehe ry IEHOVÀ,
naho hene to o fandilia'oo.
152 Fa nirendreko haehae o taro'oo
fa najado'o ho nainai'e.

ר *Rèse*†
153 Vazohò ty fisotriako
vaho imbao,
fa tsy haliñoko o Tsara'oo.
154 Alañalaño ty entako, vaho jebaño;
sotrafo ty amo nafè'oo.
155 Lavitse o lo-tserekeo ty fandrombahañe, fa tsy paia' iereo o fañè'oo.
156 Ra'elahy o fiferenaiña'oo ry IEHOVÀ;
bodaño raho ty amo taro'oo.
157 Maro ty mampisoañe ahiko
naho o malaiñ'ahio,
f'ie tsy mivike amo taro'oo.
158 Treako o mivalikeo, toe hejeko;
amy te tsy ambena' iareo o fetse'oo.
159 Vetsevetseo ty fikokoako o fepè'oo;
velomo raho ry IEHOVÀ,
ty amo fiferenaiña'oo.
160 Ty jabajaba amo Tsara'oo, le t'ie vañoñe, hene mijadoñe nainai'e o fizakà'o vantañeo.

ש *Sìne*‡
161 Mampisoañ'ahy tsy aman-tali'e
o roandriañeo,
fe mañeveñe amo tsara'oo ty troko.
162 Firebehako o fetse'oo,
manahake t'ie anjòam-bara bey.
163 Hejeko naho mañalik'ahy
o lañitseo,
kokoako o Tsara'oo.
164 Mandrenge Azo im-pito ami'ty andro raho ty amo fizakà'o mahitio.
165 Fañanintsin-tsoa amo mikoko
o Tsara'oo, tsy eo ty hahatsikapy iareo.
166 Salalaeko i fandrombaha'oy,
ry IEHOVÀ, hene ambenako o fandilia'oo.
167 Ambena' ty fiaiko o taro'oo,
le toe kokoako.
168 Tanako o fepè'oo naho o taro'oo,
aolo'o eo iaby o liakoo.

ת *Tàve*§
169 Ehe te hiatreke azo o toreokoo,
ry IEHOVÀ;
andrendreho te fahareko o tsara'oo.
170 Hiheo añatrefa'o eo abey o halalikoo;
avotsoro ty amo fetse'oo.

---

† **119:152** Resh: 'R' Hebreo; añambone ‡ **119:160** Sin : 'S' ,Hebreo, vilo' masy, famotse § **119:168** Tav: 'T' fiasiañe Hebreo; viloñe

171 Hampipoñake fandrengeañe
o soñikoo, amy te anare'o ahy o fañè'oo.
172 Hisaboe' ty lelako o nafè'oo,
amy te hene vantañe o fepè'oo.
173 Ee te ho veka'e hañimba ahiko
ty fità'o, fa jinoboko o lili'oo.
174 Fisalalàko i fandrombaha'oy, ry IEHOVÀ, mampinembanembañ'ahy
o Tsara'oo.
175 Sotrafo ty fiaiko handrenge azo,
vaho ampañimbao ahy o fizakà'oo.
176 Nivike hoe añondry motso raho;
tsoeho o mpitoro'oo,
fa tsy likofeko o fepè'oo.

# 120

*Sabo-Pionjonañe* 1 Zaho niampoheke,
le nikanjy IEHOVÀ, vaho tinoi'e.
2 O ry IEHOVÀ,
apitsoho an-tsoñin-dremborake ty fiaiko, boak' ami'ty lela mamañahy.
3 Inon-ty homeañ' azo,
ino ka ty hanoeñe ama'o
ty lela letra'e tia?
4 ana-pale masiom-panalolahy,
naho forohan' andrabey!
5 Hankàñe amako te mañialo
e Mèseke* añe,
naho ty fimoneñako an-kiboho'
i Kedàre† ao !
6 Loho hatr'ela'e ty nitraofam-piaiko
ami'ty kivoho' o malaim-pilongoañeo.
7 Toe mpitea filongoan-draho;
fa ie ivolañako, aly avao ty onjone' iereo.

# 121

*Sabo-Pionjonañe* 1 Andrandrako mb'amo vohitseo
o masokoo,
aia ty hiboaha' ty fañimbañ' ahiko?
2 Hirik'am' IEHOVÀ o fañolorañ' ahikoo,
I namboatse i likerañey naho ty tane toiy.
3 Tsy henga'e hasitse o fandia'oo,
tsy hirotse i Mpañaro azoy;
4 Eka, tsy hidròdreke, tsy hirotse
ty Mpitamiri' Israele.
5 IEHOVÀ ro Mpañambeñ' azo,
IEHOVÀ ro fialofa' ty fitàn-kavana'o;
6 Tsy hipisañe ama'o i tariñandrokey,
ndra i volañey te haleñe.
7 Hañaro azo amy ze fonga haratiañe
t'IEHOVÀ;

* **120:5** Meseke: kinozotse an-kère'e † **120:5** Kedare: hamoromoroñañe, haniñe

vaho ho tamirie’e ty fiai’o.
8 Harova’ IEHOVÀ ty fiengà’o
naho ty fiziliha’o
henane zao vaho nainai’e donia.

# 122

*Sabo-Pionjonañe. A i Davide.* 1 Nandia-taroba raho,
te nanoa’ iereo ty hoe:
Antao hiheo mb’añ’anjomba’ IEHOVÀ.
2 Fa mijohañe amo lalam-bei’oo
ty fandia’ay, ry Ierosalaime!
3 Hehe t’Ierosalaime, rova niranjieñe
soa-fifamatotse.
4 Ie ty ionjona’ o rofòkoo, o rofòko’ IÀ-o,
ty amy nitaroñañe am’ Israeley,
hañandriaña’iareo ty tahina’ IEHOVÀ.
5 Ao ty nampitroarañe fiambesam-pizakàñe, o fiambesa’ i tarira’ i Davideio.
6 Mihalalia fañanintsiñe am’Ierosalaime: hiraorao o mikoko Azoo.
7 Fañanintsiñe ty ho an-kijoli’o ao,
naho fierañerañañe
amo anjomba’o mitiotiotseo.
8 O longokoo naho o rañekoo,
le hataoko ty hoe: Fañanintsiñe ama’o.
9 I anjomba’ IEHOVÀ
Andrianañaharentikañey,
ho paiako ty hampibodobodo azo.

# 123

*Sabo-Pionjonañe* 1 Ampiandraeko ama’o o masokoo,
ry Mpiambesatse an-dikerañe ao.
2 Hehe te manahake ty fañentean’ ondevo
ty fitàn-talè’e,
naho ty mason’ anak’ ampatañe
ty fitàn-drakemba’e,
ro iandràm-pihainon-tika
t’IEHOVÀ Andrianañaharen-tika,
ampara’ te tretreze’e.
3 Ferenaiño zahay ry IEHOVÀ,
tretrezo, fa loho natsafen-tsirìka.
4 Etsake ty fanivativà’ o mpiaiñ’
añoleñañeo o fiai’aio,
vaho ty inje’ o mpirengevokeo.

# 124

*Sabo-Pionjonañe. A i Davide.* 1 Naho tsy IEHOVÀ ty nañimba antika —ano ty hoe
r’Israele—
2 Naho tsy nañolotse’ antika t’IEHOVÀ,
ie naname an-tikañe ondatio,
3 le ho nagodra’ iereo veloñe
ami’ty fisolebaran-kabosehañe;

4 le ho nandempotse antika o ranoo,
ho nisorotombak' amo ain-tikañeo
i torahañey,
5 Eka ho nalipo' o rano mitroñeo
o ain-tikañeo,
6 Andriaño t'IEHOVÀ, fa tsy napò'e tika
ho fitsatsàm-pamotsi' iareo.
7 Niborofotse tika hoe voroñe
am-bitsom-pitsindro-boroñe,
nipototse i fandrikey, le nibotafotse tika.
8 Fañimbàn-tikañe ty tahina' IEHOVÀ,
Andrianamboatse i likerañey
naho ty tane toy.

## 125

1 Sabo-Pionjonañe
Hambañe amy Vohi-Tsiôney
o mpiato am' IEHOVÀo,
tsy hasiotse, fa himoneñe nainai'e.
2 Manahake ty figoloboña' o vohitseo
t'Ierosalaime,
ty añohoña' IEHOVÀ ondati'eo,
henane zao vaho nainai'e.
3 Tsy hidok' ambone' ty tane' o vantañeo
ty kobain-karatiañe,
tsy mone hañiti-fitañe ami'ty raty
o vañoñeo.
4 Hasoao, ry IEHOVÀ, ondaty soao
naho o vantañ' arofoo.
5 Fe ty amo mitsile mb'an-dalañe mikelokelokeo, le ho kozozote' IEHOVÀ añe mindre amo mpanao ratio.
Fañanintsiñe am' Israele.

## 126

1 Sabo-Pionjonañe
Ie mampoly ty fandrohiza' i Tsiône t'IEHOVÀ;
le hanahake te mañinofy tikañe.
2 Hitsitsihe' ty hehe o falien-tikañeo,
naho ty rebeke o famelen-tikañeo;
vaho hisaontsieñe amo fifeheañeo ty hoe:
Nanao raha jabajaba ho a iareo t'IEHOVÀ.
3 Eka, nitolora'IEHOVÀ raha ra'elahy,
lifo-kaehake tikañe.
4 Afotero ty haondevo'ay ry IEHOVÀ,
manahake o torahañe atimo añeo.
5 Hitoly sabo an-kaehake
o mitongy an-drano-pihaino !
6 Ty minday tabiry ho tongiseñe
am-pirovetañe
ro hibalik' an-drebeke hanese
o fitoboroña'eo.

# 127

1 Sabo-Pionjoña’ i Selomò
Naho tsy IEHOVÀ
ty mandranjy ty anjomba,
tsy manjofake ty itromaha’
o mpandrafitseo.
Naho tsy IEHOVÀ ty mañambeñe i rovay,
tsy vente’e ty hijilova’ o mpigaritseo.
2 Tsy vara te mañaleñaleñe
naho hifonen-droro te haleñe,
hikama ty mofom-pitoloñañe;
amy te atolo’e rotse o kokoa’eo.
3 Toe lova boak’am’ IEHOVÀ o ajajao,
ty toli-troke ro tambe.
4 Hoe ana-pale am-pitàm-panalolahy
o amorin-katora’eo
5 Haha t’indaty naho atsak’ irezay
i trañon’ana-pale’ey;
tsy ho salatse t’ie mifanaontsy
amo rafelahi’eo an-dalam-bey ey.

# 128

1 Sabo-Pionjonañe
Hene haha ondaty mañeveñe
am’ IEHOVÀ, ie mañavelo amo lala’eoo.
2 Ho kamae’o ty fitoloñam-pità’o,
le ho ehake vaho hierañerañe.
3 Hanahake ty vahe mirotrarotra
ty tañ’anjomba’o añ’akiba’o ao,
hoe zeite* tora’e
miariseho ty fandambaña’o o ana’oo.
4 Eka, zay ty fitahiañe ondaty
mañeveñe am’ IEHOVÀo.
5 Hañasoa azo boake Tsiône ao t’IEHOVÀ
le ho oni’o ty hasoa’ Ierosalaime
amy ze hene andro hiveloma’o;
6 Eka, ho isa’o o anan’ ana’oo.
Fañanintsiñe am’ Israele.

# 129

1 Sabo-Pionjonañe
Beteke nisilofen-draho
boak’ami’ty nahajalahy ahiko—
ano ty hoe r’Israele—
2 Beteke nitoreforèñe
sikal’amy te zaho niajalahy,
f’ie tsy nahagioke ahy.
3 Nitrabahe’ o mpitrabakeo
ty sakamamovoko,

---

* **128:3** Ze’ite: hatae Oliva

nanoe’ iareo lava o vavahalioo.
4 Vantañe t’IEHOVÀ;
navitso’e ty namahora’ o lo-tserekeo ahy.
5 Hampolieñe an-kasalarañe
ze malaiñe i Tsiône.
6 Ie hampanahafeñe ami’ty ahetse
an-tafo traño eo,
hiheatse aolo’ ty hibeiza’e,
7 toe tsy hahaeneñe
ty fità’ i mpanatakey,
ndra ty arañа’ i mpifehe’ o fehe’eo.
8 Vaho tsy anoe’ o mpandrioñeo ty hoe:
Ho ama’ areo ty fañanintsi’ IEHOVÀ!
Itatà’ay ami’ty tahina’ IEHOVÀ!

# 130

*1* Sabo-Pionjonañe
Boak’an-dalek’ ao ty nitoreovako
ama’o ry IEHOVÀ;
2 Ry Talè, haoño ty feoko !
Ampijanjiño o ravembia’oo
ty feon-kalaliko.
3 Lehe Ihe r’IEHOVÀ ro namolily hakeo,
ia, ry Talè, ty ho nahafijohañe?
4 Fe ama’o ty fañafahan-kakeo;
soa te hañeveñañe.
5 Mitamà IEHOVÀ raho,
mandiñe ty troko,
o tsara’oo ro salalaeko.
6 Mitamà i Talè ty fiaiko
mandikoatse ty mpandiñe maraindraiñe,
eka, ty mpandiñe maraindraiñe.
7 O Israeleo, mitamà IEHOVÀ,
am’ IEHOVÀ ao ty fikokoa-migahiñe
ama’e ty fijebañañe mihenehene.
8 Ie ty hijebañe Israele
amo fonga hakeo’eo.

# 131

*1* Sabom-Pionjonañe, a i Davide
Ry IEHOVÀ,
tsy mirenge ty troko,
tsy miandra o masokoo;
tsy ahoako o raha loho jabajabao,
vaho ze loho sarots’ amako.
2 Toe nampipendreñe naho
nampitsiñe ty fiaiko raho,
manahake ty ajaja notaen-drene’e,
ie hoe ajaja maota ty fiaiko.
3 O ry Israeleo, itamao t’IEHOVÀ

henane zao vaho nainai'e.

## 132

[1] Sabo-Pionjonañe
Ry IEHOVÀ, tiahio t'i Davide
ty amo falovilovia'eo.
2 Ty nifantà'e am' IEHOVÀ,
ty nititiha'e amy Tsitongerè' Iakobey:
3 Toe tsy hizilik' an-kibohon-
trañoko ao raho
ndra hijoñe am-pandreako
nivelareñe ho ahiko ao:
4 Tsy homeiko roro o masokoo,
tsy hidrodreke o voho-masokoo,
5 ampara' te hahatreavako toetse t'IEHOVÀ,
akiba ho a i Tsitongerè' Iakobey.
6 Jinanji'ay e Efrata* zay,
tendrek' an-kodobo' i alay :
7 Antao hionjoñe mb'an-Kivoho'e ao;
antao hitalaho
am-pitongoàm-pandia'e eo.
8 Miongaha ry IEHOVÀ,
miheova mb'am-pitofà'o mb'eo,
Ihe naho
i vatam-pañinan-kaozara'oy.
9 Ho lafihen-kavantañañe
o mpisoro'oo,
hipoñak' an-kaehake o noro'oo.
10 Ty amy Davide mpitoro'oy, ko ampitolihe'o añe
ty lahara' i noriza'oy.
11 Nifanta mahity amy Davide t'IEHOVÀ,
vaho tsy hafote'e, ty hoe:
Hampiambesareko
ami'ty fiambesam-panjakà'o eo
ty boak' am-pañova'o ao;
12 lehe ambe' o ana'oo i fañinakoy
naho ty taroko anareko iareo,
le hiambesatse amy fiambesam-panjaka'oy nainai'e o ana' iareoo.
13 Toe jinobo' IEHOVÀ ty Tsiône, i fañiria'e ho fimoneña'ey:
14 Etoy ty fitofako nainai'e tsy modo;
atoa ty himoneñako, fa fisalalàko—
15 Hogogoeko ty riha'e, ho eneñeko mahakama o mahàtra'eo.
16 Hampisikineko fandrombahañe
o mpisoro'eo,
hisabo an-drebeke o noro'eo.
17 Ao ty hampitiriako ty tsifa' i Davide;
ao ty nañajariako failo' i norizakoy.
18 Haombeko hasalarañe o rafelahi'eo,
fe hipelapelatse añambone'e eo
ty sabaka'e.

* **132:6** Efrata; havokarañe

# 133

1 Sabo-Pionjonañe, a i Davide
Akore ty hasoa naho ty hafanjàka' ty fitraofañ' ìna' o mpirahalahio!
2 Manahake ty solike sarotse
añambone'e eo,
miroroñe an-tsomotse,
an-tanteahe' i Aharone mb'eo,
mitsiritsiok' añ' olon-tsaro'e mireparepay.
3 Hambañe ami'ty mika' i Kermone
mivotrak' amo vohi' i Tsiôneo;
amy nañoriza' IEHOVÀ fitahiañey,
eka! haveloñe nainai'e.

# 134

1 Sabo-Pionjonañe
Antao! hañandriañe IEHOVÀ ry hene mpitoro' IEHOVÀ mitoroñe haleñe añ'anjomba' IEHOVÀO.
2 Zonjono mb'an-toetse
miambake mb'eo o fità' areoo,
vaho Andriaño t'IEHOVÀ.
3 Hitahy azo hirik'e Tsiône ao t'IEHOVÀ
mpandranjy i likerañey naho ty tane toy.

# 135

1 Treño t'IÀ. Bangò ty tahina' IEHOVÀ;
mandrengea, ry mpitoro'IEHOVÀ,
2 Ry mpijohañe añ'anjomba'IEHOVÀ,
an-kiririsan' anjomban' Añahareo,
3 Rengeo, t'IÀ, amy te soa t'IEHOVÀ;
sabò i tahina'ey ty amy volonahe'ey.
4 Amy te jinobo' IÀ ho am-bata'e t'Iakobe, ho vara'e t'Israele.
5 Fantako te ra'elahy t'IEHOVÀ,
le mandikoatse ze atao 'ndrahare
iaby t'i Talè.
6 Manao ze satri'e t'IEHOVÀ,
an-dindiñe añe naho an-tane atoy,
amy riakey vaho an-tsikeokeoke ao.
7 Ampionjone'e hirik' añ'olon-tane añe
ty mika; anoa'e helatse o orañeo
vaho akare'e boak'an-driha'e ao ty tioke.
8 Zinama'e o tañoloñoloña' i Mitsraimeo, ndra ondaty ndra biby.
9 Nañiraha'e viloñe naho halatsàñe mb'añivo'areo ao, ihe 'nio, ry Mitsraime,
amy Parò vaho amo mpitoro'e iabio.
10 Narotsa'e ty fifeheañe maro,
binaibai'e o mpanjaka fanalolahio,
11 i Sikone, mpanjaka' o nte Emoreo,
naho i Oge, mpanjaka' i Basane,
vaho o fonga fifeleha' i Kanàneo;
12 Le natolo'e ho lova ty tane' iareo,
ho lova' Israele, ondati'eo.
13 Ry IEHOVÀ, tsy modo ty tahina'o,

ty fitiahiañ' azo ry IEHOVÀ,
le nainai'e donia.
14 Fa homei' IEHOVÀ to ondati'eo
le ho tretreze'e o mpitoro'eo.
15 Volafoty naho volamena
o raham-pahasive' o kilakila 'ndatioo,
ty sata-pità' ondaty.
16 Ie manam-bava, fe tsy mirehake,
ama-maso, fe tsy mahatrea;
17 aman-tsofy, fe tsy mahatsanoñe,
vaho tsy mahakofòke o vava'iareoo.
18 Ho hambañe am'iereo o mpanao iareoo, Eka, ze hene miato am'iereo.
19 Ry anjomba' Israele,
Andriaño t'IEHOVÀ;
ry akiba' i Aharone, andriaño t'IEHOVÀ;
20 ry kivoho' i Levio, andriaño t'IEHOVÀ;
ry mpañeveñe am'IEHOVÀ,
andriaño t'IEHOVÀ.
21 Andriaño boak'e Tsiône ao t'IEHOVÀ,
ry mpimoneñe e Ierosalaimeo.
Treño t'IÀ.

# 136

1 Andriaño t'IEHOVÀ
amy te Ie ro soa;
nainai'e ty fiferenaiña'e.
2 Andriaño t'i Andrianañaharen-
droandriañe.
Nainai'e ty fiferenaiña'e.
3 Andriaño ty Talèn-talè:
Nainai'e ty fiferenaiña'e.
4 Ama'e, toe ie avao ro mitolon-
draha ra'elahy tsitantane,
Nainai'e ty fiferenaiña'e.
5 Ie nanao i likerañey amy hilala'eiy,
nainai'e ty fiferenaiña'e.
6 Ie namelatse ty tane toy
ambone' i riakeiy,
nainai'e ty fiferenaiña'e.
7 Ie namboatse o hazavàñe jabajabao,
nainai'e ty fiferenaiña'e,
8 i àndroy hamehe te antoandroo,
nainai'e ty fiferenaiña'e,
9 i volañey naho o vasiañeo
hifelek' an-kàleñe;
nainai'e ty fiferenaiña'e.
10 Ie nanjamañe o tañoloñoloñan-
te Mitsraimeo,
nainai'e ty fiferenaiña'e.
11 vaho nañakatse Israele am' iereo ao,
nainai'e ty fiferenaiña'e.
12 an-dela-pità'e maozatse

naho an-tsirañe natora-kitsi’e;
nainai’e ty fiferenaiña’e.
13 Ie nampisalahañe i Riake Menaiy,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
14 vaho nampisorohe’e mb’añivo’e
mb’eo t’Israele,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
15 Fe naopo’e amy Riake Menay
t’i Parò naho o lahin-defo’eo;
nainai’e ty fiferenaiña’e.
16 Ie niaolo ondati’eo hiranga i tane
babangoañeiy,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
17 Ie nandrotsake
o mpanjaka fanalolahio,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
18 naho nanjevoñe
o mpanjaka nanan-kasiñeo:
nainai’e ty fiferenaiña’e.
19 i Sikone mpanjaka’ o nte Emoreo,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
20 i Oge mpanjaka’ i Basane,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
21 vaho natolo’e ho lova ty tane’ iareo,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
22 ho lova’ Israele mpitoro’ey.
nainai’e ty fiferenaiña’e.
23 Ie nahatiahy antika
amo hasotrian-tikañeoy,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
24 naho nañaha antika
amo rafelahin-tikañeo,
nainai’e ty fiferenaiña’e.
25 Ie mamahañe ze hene raha veloñe.
nainai’e ty fiferenaiña’e.
26 Andriaño t’i Andrianañahare’
i likerañey!
Nainai’e ty fiferenaiña’e.

# 137

1 Tañ’olon-tsaka e Bavele eo,
ty nitoboha’ay naho nirovetse,
t’ie nahatiahy i Tsiône.
2 Amo sohihy añivo’eo ty nandradoradoa’ay o marovani’aio,
3 Teo ty nihalalia’ o mpanese anaio sabo, naho nipaia’ o mpampisoañ’ anaio
rebeke, ami’ty hoe :
Isabò o sabo’ i Tsiôneo.
4 Aa vaho akore ty hisaboentika
ty sabo’ IEHOVÀ an-tanen’ ambahiny atoy?
5 Naho haliñoko rehe ry Ierosalaime,
le angao ho kombimba ty sirako havana.

6 Adono hipitek’ ami’ty lañilañiko
ty lelako, naho tsy mahatiahy azo raho,
lehe tsy aonjoko ambone’ ze
mahafale ahiko iaby t’Ierosalaime.
7 Tiahio ry IEHOVÀ ty kabò’o
amo nte Edomeo tañ’andro’ Ierosalaime:
Rotsaho! hoe iereo,
akoromaho pak’amo mananta’eo!
8 Ry anak-ampela’ i Bavele, harotsake rehe, haha ty hañavak’azo amy
nañondroha’o ama’aio.
9 Fale ty handrambe o anak’ajaja’oo,
handretsake iareo an-damilamy eo.

# 138

1 Sabo’ i Davide
Andriañeko rehe ry IEHOVÀ,
an-kaliforan-troke,
ho saboeko añatrefa’ o jomakeo.
2 Mibotreke mb’amy anjomba’o
miavakey raho
naho mibango ty tahina’o
ty amy fiferenaiña’o naho ty hatò’o,
amy te nonjone’o i tsara’oy,
i tahina’oy ambone’ ze he’e.
3 Nanoiñe ahiko rehe
amy andro nitokavekoy;
nosihe’o an-kaozarañe ty fiaiko.
4 Hañandriañ’ Azo
ze hene mpanjaka’ ty tane toy, r’IEHOVÀ,
naho janjiñe’iereo o entam-palie’oo.
5 Ho saboe’ iereo o lala’ IEHOVÀo,
fa ra’elahy ty enge’ IEHOVÀ.
6 Ndra te onjoneñe t’IEHOVÀ,
mbe haoñe’e ty mireke,
le arofoana’e o mpirengevokeo.
7 Ndra t’ie manjenge añivo’
o faloviloviañeo,
Ihe ro mameloñe ahiko,
atorakitsi’o mb’ami’ty
haboseha’ o rafelahikoo ty fità’o, vaho mandrombak’ahy ty fità’o havana.
8 Ho henefe’ IEHOVÀ ty nisafirie’e ho ahy,
nainai’e, ry IEHOVÀ ty fiferenaiña’o,
ko ado’o o tolom-pità’oo.

# 139

1 Ho a i Talè, Sabo’ i Davide.
Ry IEHOVÀ, fa nitsikarahe’o raho,
mbore arofoana’o.
2 Arofoana’o ty fitobohako
naho ty fiongahako;
oni’o ty ereñeren-troko

ndra te tsietoitàne añe.
3 Vandroñe'o o liakoo,
naho o fandreakoo;
hene arofoana'o o lalakoo.
4 Ie mbe tsy an-delako ao ty fivolako,
Hete! ry IEHOVÀ, kila arofoana'o.
5 Nifahera'o raho—
aolo eo naho amboho ao;
vaho nisazoha'o fitàñe.
6 Loho fanjàka amako i hilala zay, abo, tsy takako.
7 Aia ty hombako hisitak' amy Arofo'oy?
Aia ty hibotitsihako o lahara'oo?
8 Ie mionjom-b'an-dikerañe mb'eo raho,
eo rehe;
naho alafiko an-kerakerak' ao
ty fandreako, hehe t'ie eo;
9 Ie rambeseko o ela' i maraiñeio,
naho mitoetse añ' olon-driake
tsietoitane añe,
10 eo ka ty hitehafam-pità'o ahy,
naho hanazok' ahiko ty fità'o havana.
11 Ie anoeko ty hoe,
Toe hanafotse ahy ty ieñe,
vaho hivalike ho haleñe
ty hazavàñe amako,
12 Fe ndra o hamoromoroñañeo
ro tsy maieñe ama'o,
mireandreañe hoe i àndroy ty haleñe,
hàmbañe ty hazavàñe naho ty ieñe.
13 Tsinene'o o añovakoo;
nanenoñ' ahy an-tron-dreneko ao.
14 Andriañeko rehe,
fa an-karevendreveñañe naho halatsàñe
ty nitsene'o ahiko;
fanjàka o satam-pità'oo,
toe apota' ty fiaiko.
15 Tsy nietak' ama'o o taolakoo, ie nanoeñe an-kafitse ao,
naho nitseneñe an-kahimbañe
an-kalalefan-tane ao,
16 Nivazohom-pihaino'o
o nanoeñe ahikoo,
naho nipatereñe amy boke'oy
ze hene andro norizañe ho ahy,
ie mboe tsy teo ty raike.
17 Miheotse amako o fivetsevetse'oo
ry Andrianañahare!
Mienene t'ie mitraoke !
18 Ie imaneako iake, le andikoara'e ty ia' o faseñeo.
ie tsekake, le mbe ama'o eo.
19 Ehe ohoño loza o lo-tserekeo,
ry Andrianañahare !
Mihankàña amako arè,
ry ondaty mpampiori-dioo,

20 Injè’ iareo an-keloke rehe,
manoñoñe Azo tsy vente’e
o malaiñ’Azoo;
21 Tsy hejeko hao o tsy tea azoo,
ry IEHOVÀ?
Tsy hifangantoreko hao
o miatreatre ama’oo?
22 Toe hejeko am-palai-mena;
fonga volilieko ho rafelahiko.
23 Tsikaraho raho, ry Andrianañahare,
arofoano ty troko;
tsoho vaho arendreho
o fitsakoreakoo.
24 Vazoho, he amako ao ty fiolañe,
vaho iaolò mb’an-dalañe nainai’e mb’eo.

# 140

*1* Ho a i Talè, Sabo’ i Davide.
Avotsoro am’ ondaty lo-tserekeo raho, ry IEHOVÀ;
arovo am’ondaty piaroteñeo;
2 o mikilily añ’arofo’e ao
naho mikitrok’aly lomoñandroo.
3 Nisioñe’ iereo ty famele’ iareo hoe mereñe;
an-tsoñi’iareo ty vorem-pandrefeala. Selà
4 Arovo tsy ho am-pità’ o lo-tserekeo raho ry IEHOVÀ;
arovo amy ‘ndaty mitrotrofiakey,
ty mikinia hampidorasitse o liakoo.
5 Nañetake fandrike ho ahy
o mpikavokavokeo; naho taly;
naho namelara’ iareo harato
añ’olon-dalañeo vaho
nampibitsoke fandri-boñe amako. Selà
6 Hoe raho am’ IEHOVÀ,
Ihe ro Andrianañahareko.
Janjiño, ry IEHOVÀ,
o feon-kalalikoo.
7 Ry IEHOVÀ Talè,
faozaram-pandrombahañe ahiko,
Mpanaroñe ty lohako
añ-andron-kotakotake.
8 Ko toiñe’o, ry IEHOVÀ,
ty fisalalà’ o tsy vokatseo,
ko osihe’o ty fikililia’iareo
tsy mone hirohake. Selà
9 Le ty loha’ o miarikoboñ’ ahikoo:
ho rongoñeñe
ty fikotrihan-tsoñi’iareo,
10 naho hararadrarak’ am’ iereo
ty foroha mirekake;
vaho havokovoko añ’afo
an-koboñe ao, tsy hitroatse ka.
11 Tsy hitoera’ ty mpikatramo ty tane toy;

ho vandroñen-doza
ondaty mpiloa-tiñakeo.
12 Fantako te mpanozañe o misotrio
t'IEHOVÀ, naho ty zo' o rarakeo.
13 Toe mañandriañe ty tahina'o
o vantañeo,
vaho himoneñe añatrefa'o eo o vañoñeo.

# 141

*1* Sabo' i Davide
Ry IEHOVÀ, mikanjy azo raho,
mb'etoa an-taentaeñe;
toloro ravembia ty feoko te koiheko.
2 Ano rame añatrefa'o eo o halalikoo,
hoe soron-kariva ty fizonjo' o sirakoo.
3 Ampijadoño mpañambeñe ty vavako,
ry IEHOVÀ,
ambeno ty lalambein-tsoñiko.
4 Ko avi'o mb'an-karatiam-beo ty troko,
hitoloñako sata-raty rekets' ondaty mitolon-katsivokarañeo;
ko apo'o ho haneko
ze raha mafiri' iareo.
5 Ee te handraratehak'ahy an-kalèn-tro
ty vañoñe, naho hañendak' ahy,
toe solik' añambone zay,
lonike te tsy hifoneñan-dohako;
Fa tsy apoko ty halaliko ty amo sata rati' iareoo.
6 Ie avokovoko añ'ilan-kerereretsak' ao
o mpizaka'iareoo,
le ho tsanoñe' iareo te nañeva o volakoo.
7 Hambañe ami'ty fitrabahañe naho
fitrobohan-tane,
ty fampivarakaihañe am-bavan –
kibory ao o taola'aio.
8 Fe mitolik' ama'o o masokoo,
ry IEHOVÀ, Talè;
fa ama'o ty fipalirako—
ko alonga'o ty fiaiko.
9 Arovo raho amy fandrike
nampibitsoheñe ho ahikoy;
naho amo fandri-bo' o mpanao ratio.
10 Hivariñe an-karato' iareo avao o lo-tserekeo, te zaho miary eo.

# 142

*1* Fañòha' i Davide; ty Halali'e tan-dakato ao
Mitoreo am-peo am' IEHOVÀ raho,
hihalaly tretre am'IEHOVÀ ty feoko.
2 Adobako añatrefa'e ty toreoko;
volañeko añatrefa'e o mahaferenaiñe ahikoo.
3 Ie nitoirañe añ'ovako ao ty troko,
niarofoana'o ty liako,

amy lalan-tsileke fijelanjelañakoy
ty nañetaha' iareo fandrike.
4 Toliho mb'an-tañan-kavanako
le vazohò, te tsy eo ty mañaoñ' ahy.
tsy eo ty hipalirako;
tsy ahoa'ondaty ty fiaiko.
5 Nitoreo ama'o raho ry IEHOVÀ,
ami'ty hoe : Ihe ro fitsolohako, ty anjarako an-tanen-kaveloñ' ao.
6 Janjiño ty fikaikaihako
fa loho mirèke; hahao amo mpanao
samporerak' ahiio, fa fatratse te amako.
7 Akaro am-balabey ao ty fiaiko hibangoako ty tahina'o;
hiropak' amako o vañoñeo
ami'ty fatariha'o amako.

# 143

1 Sabo' i Davide
Ry IEHOVÀ, janjiño ty filolohako,
atokilaño mb'amo halalikoo
ty ravembia'o ty amo figahiña'oo naho o havantaña'oo.
2 Ko ampanesefe'o an-jaka ty mpitoro'o;
fa tsi-mbia tsy ho añatrefa'o ty veloñe.
3 Fa nampisòañe ty fiaiko o rafelahio,
nigorè'e an-tane ty haveloko;
nampitoboheñe añ'ieñe ao,
manahake t'ie nilolo ela.
4 Aa le mitsikorak' amako ty troko;
mioremeñe ty añovako ao.
5 Tiahiko o andro taoloo,
niniheko iaby o fitoloña'oo tsakorèko o satam-pità'oo.
6 Ahitiko mb'ama'o o tañakoo;
limpoañe ty ama'o ty fiaiko hoe tane mivaràkivaràky. Selà
7 Toiño masìka ry IEHOVÀ;
fa mimoremoretse ty troko.
ko aeta'o amako ty lahara'o
hera hanahake o mizotso
mb'an-kaly aoo.
8 Ampitsanoño ahy ty fiferenaiña'o
te maraiñe,
amy te Ihe ro iatoako.
ampandrendreho ty lala hombako,
fa ama'o ty fañonjonañe ty fiaiko.
9 Ihahao amo rafelahikoo,
ry IEHOVÀ; Ihe ro fitsolohako.
10 Anaro ahy ty hanao o satri'oo,
Ihe ro Andriananañahareko;
le ampiaolò ahy an-tane mira
ty Arofo'o soa.
11 Isotrafo amy tahina'oy, ry IEHOVÀ,
afaho amo hasosorañeo,
ty amy havantaña'oy.

12 Aitò amako o rafelahikoo
ty amy fiferenaiña'oy, vaho
fonga rotsaho o mitsibore ty fiaikoo,
fa mpitoro'o raho.

# 144

*1* a i Davide
Andriañeñe t'IEHOVÀ lamilamiko,
mpañoke o tañakoo hialy,
ty rambon-tañako hihotakotake,
2 i mpiferenaiñe ahy naho rovakoy,
ie tambohoko abo
naho ty Mpañahañ'ahy,
ty kalan-defoko naho fipalirako,
mpampiambàne' ondatikoo amako.
3 O ry IEHOVÀ,
inoñ' ondatio te haoñe'o,
naho o ana'ondatio t'ie tsakorè'o?
4 Fa hoe kofòke t'indaty; talinjo mihelañe o andro'eo.
5 Avohoro o likera'oo ry IEHOVÀ
le mizotsoa;
paoho o vohitseo hahatoeñe.
6 Ahiririño mb'eo ty helatse
hampiparatsiahe'o,
iraho mb'eo o ana-pale'oo
hampibaibay iareo.
7 Ahitsio hirik'añ'abo añe ty fità'o; avotsoro raho naho hahao
amo alon-driake ra'elahio,
naho am-pità' o ambahinio,
8 fa bodiak' avao ty falie' iareo, vaho fitàn-kavanam-pamañahy
ty fitàn-kavana' iareo.
9 Ho saboeko sabo vao rehe
ry Andrianañahare;
hititihako marovany folo-taly
hibekobekoako fandrengeañe,
10 ie tolora'o rombake o Mpanjakao, naho mamotsotse i Davide
mpitoro'oy ami'ty fibara mijoy.
11 Hahao raho naho avotsoro
am-pità' ondaty alik'amakoo,
fa mandañitse avao ty falie' iareo, vaho ty fitàn-kavana' iareo
ro fitan-kavanam-bìlañe.
12 Soa te ho hatae toratora'e o anadahin-tikañeo
ami'ty hatora' iareo
vaho ho fahan-kotsoke niranjieñe
ami'ty satan' anjomba
o anak-ampelan-tikañeo.
13 Le ho pea o rihantikañeo,
mañakatse ze hene karazam-bokatse,
naho hitombo añ'arivo
o añondrin-tikañeo,
le añ'aleale ty an-teten-tikañ'ao;
14 Le hitohetse iaby ty añomben-tika,

naho tsy ho an-keba’e o kijolio,
tsy ama’e ao ty hasese añe,
vaho tsy ho an-dalan-tikañe ey ty koi-doza.
15 Haha t’indaty mitoetse hoe zay;
fale t’indaty naho
Iehovà ro Andrianañahare’e.

## 145

1 Sabo Fibangoañe. A i Davide
Honjoneko rehe,
ry Andrianañahareko, ry Mpanjaka,
hibango ty tahina’o mb’an-jafe’afe’e.
2 Handriañeko boak’ andro,
le hibango ty tahina’o nainai’e donia.
3 Hinakinake t’Iehovà, rengèñe añ’abo,
tsy taka-tsikaraheñe ty hajabahina’e.
4 Ho bangoe’ ty tariratse raik’ ami’ty ila’e o tolon-draha’oo;
naho hitaroñe o fitoloña’o jabajabao.
5 Ty ha’raelahim-bolonahe’ ty enge’o vaho o tolon-draha’o mahalatsao
ro fitsakoreako.
6 Ho talilie’ ondatio ty haozaram-panoe’o mampañeveñe,
vaho ho taroñeko ty hajabahina’o.
7 Ho talilie’ iereo ty fitiahiañe o havokaran-kasoa’o;
hirebeha’ iereo ty havantaña’o.
8 Matarike t’Iehovà, naho lifo-tretrè,
malaon-kaviñerañe
vaho lifo-piferenaiñañe.
9 Kila hasoà’ Iehovà;
ambone’ ze hene anoe’e o fitretreza’eo.
10 Fonga handrenge Azo o tolon-draha’oo, ry Iehovà;
vaho hañonjoñe Azo o noro’oo.
11 Ho saontsie’ iereo
ty volonahem-pifehea’o,
vaho hitalily o haozara’oo,
12 hampandrendreke o ana’ ondatio
o fitoloña’e ra’elahio,
naho ty hafanjàka’ ty enge’ i fifehea’ey.
13 Fifeheañe tsy modo ty fifehea’o,
naho manitsike o tariratse iabio
ty fameleha’o.
14 Songa tohaña’ Iehovà o mikorovokeo,
sindre atroa’e o mibokok’ ambaneo.
15 Kila fihaino miandrandra ama’o,
vaho anjotsoa’o mahakama an-tsa’e.
16 Manoka-pitàn-drehe mañeneke
ty fañiria’ ze hene raha veloñe.
17 Vantañe amo lala’e iabio t’Iehovà
naho matarik’ amy ze hene fitoloña’e.
18 Marine’ ze mikanjy aze iaby t’Iehovà;
ze hene mikanjy aze an-katò.
19 Ho henefa’e ty fisalalà’

o mañeveñe ama'eo;
ho janjiñe'e ka ty toreo' iareo
vaho ho rombahe'e.
20 Ambena' IEHOVÀ ze hene mikoko aze,
fe fonga ho rotsahe'e o lo-tserekeo.
21 Hivolam-pandrengeañe am' IEHOVÀ ty vavako,
le kila nofotse ro hibango ty tahina'e
masiñe nainai'e donia.

# 146

1 Treño t'IÀ!
Rengeo t'IEHOVÀ, ty troko.
2 Ho rengeko t'IEHOVÀ kanao veloñe;
hisabo an'Andriananañahareko
te zaho mbe atoy.
3 Ko iatoa' areo o roandriañeo,
naho o ana-ondatio
fa tsy maha-rombake.
4 Miakatse mb'eo ty kofò'e,
mimpoly mb'an-tane ao;
modo amy andro zay avao
ty fañereñerea'e.
5 Haha naho t'i Andriananañahare' Iakobe
ro mpañimb' aze.
naho IEHOVÀ Andriananañahare'e
ro fisalalà'e,
6 I nanao i likerañey naho ty tane toiy,
i riakey, naho ze he'e ama'e ao,
i mitan-ty hatò nainai'ey,
7 I mpañomey to o volevoleñeoy,
i manjotso mahakama
amo salikoeñeoy.
IEHOVÀ ro mpañaha o mirohio,
8 Mampibeake ty goa t'IEHOVÀ;
onjone' IEHOVÀ o mivohotseo,
kokoa' IEHOVÀ o vantañeo.
9 Ambena' IEHOVÀ o ambahinio,
onjone'e ty bode-rae naho ty vantotse,
fe akelokelo'e ty lala' i lo-tserekey.
10 Hifehe nainai'e t'IEHOVÀ, Andriananañahare'o, ry Tsiône,
mb'am-pigadoñan-tariratse añe,
Treño t'IÀ.

# 147

1 Treño t'IÀ! Amy te soa ty fijejoañe
aman' Añaharentika;
toe fanjàka naho mañeva
ty fandrengeañe Aze.
2 Ampitomboe' IEHOVÀ t'Ierosalaime :
atonto'e o añombelahi-mavo'
o nte-Israeleoo.
3 Jangane'e ty mikoretse añ'arofo, ho bandie'e o fere'eo.
4 Volilie'e ty ia' o vasiañeo;

songa kanjie'e ami'ty añara'e.
5 Jabahinake i Talèn-tikañey,
ra'elahy an-kafatrarañe;
tsy taka-jehèñe ty hilala'e.
6 Tohaña' IEHOVÀ o mirèkeo,
gorè'e an-tane ty lo-tsereke.
7 Sabò am-pañandriañañe t'IEHOVÀ;
Rengeo t'i Andrianañahare
am-piarahañe marovany,
8 Ie ty mpandafike rahoñe
an-dikerañe eñe,
naho mpañajary orañe an-tane atoy,
naho mampitiry ahetse am-bohitse ey.
9 Fahana'e hàneñe o bibio,
naho o ana-koàke migagakeo.
10 Tsy ty haozara' o soavalao
ty mahahaha Aze,
tsy ty kitson-dahilahy ro ifalea'e.
11 Ondaty mañeveñe ama'eo
ro noro' IEHOVÀ,
o mpitamà ty hafatram-pikokoa'eo.
12 Rengeo t'IEHOVÀ, ry Ierosalaime;
onjono t'i Andrianañahare'o, ry Tsiône.
13 Fa nampifatrare'e
o sikadan-dalam-bei'oo;
tahie'e o ajalahy ama'oo.
14 Ampierañerañe'e o efe-tane'oo,
vaho ampieneña'e ampemba* soa.
15 Ahitri'e mb'an-tane atoy o fetse'eo, mipiriritse o taro'eo.
16 Anjotsoa'e oram-panala
hoe volon' añondry;
afiafia'e hoe lavenoke ty fanala.
17 Afitse'e ami'ty minjikio'e ty havandra'e, ia ty mahafijohañe miatreke
ty fangoratsaha'e.
18 Irahe'e mb'eo o tsara'eo
le mitranake iereo;
ampitiofe'e o tio'eo, vaho
ampidoañe'e rano.
19 Talilie'e am' Iakobe ty tsara'e;
am' Israele o fañè'eo naho o fepè'eo†.
20 Tsy nanoe'e zay o tane ila'eo;
tsy fohi' iereo o nafè'eo.
Treño t'IÀ.

# 148

1 Treño t'IÀ. Rengeo t'IEHOVÀ,
hirik'an-dindiñe añe,
jejò ry an-dikerañeo.
2 Treño ry hene anjeli'eo,
jejò ry lahialen-dikerañeo.

* **147:14** Kità: Karazam-bare-boley † **147:19** Rom 2:20, 3:2, 9:4

3 Treño, ry andro naho volañeo,
mandrengea aze,
ry vasiañe mipelapelatse eñeo.
4 Treño ry likerañe an-tiotiotseo
naho o rano ambonen-dikerañeo.
5 Bangoeñe ty tahina' IEHOVÀ,
amy t'ie nandily, le nioreñe iereo.
6 Toe noriza'e tsy ho modo nainai'e;
nampijadoñe lily tsy ho lilareñe.
7 Rengeo t'IEHOVÀ boak' an-tane
ry fañane jabajaba an-driak' ao
naho ry laleke iabio,
8 ry helatse naho havandra,
fanala naho tsìtsiñe,
ry tio-bey mañeneke o tsara'eo,
9 ry vohitseo naho ze hene haboañe,
o hatae miregoregoo naho
o mendoraveñe iabio*,
10 ry biby lio naho ze fonga hare,
ry biby milalio naho voroñe mitiliñeo,
11 ry mpanjaka' ty tane toio
naho ze kila ondaty,
ry roandriañe naho mpifehe' ty tane toio,
12 ry ajalahy naho somondrarao, ry androanavy naho ajajao;
13 Hene mibango ty tahina' IEHOVÀ;
fa i tahina'ey avao ro onjoneñe;
ambone' ty tane toy
naho o likerañeo ty enge'e.
Ty enge' o noro'e iabio,
o ana' Israeleo 'nio,
ondaty marine azeo.
Treño t'IÀ!

# 149

1 Treño t'IÀ.
Takasio sabo vao t'IEHOVÀ,
ty enge'e ami'ty fivori' o noro'eo.
2 Hifalea' Israele i Mpañoreñ' azey;
hirebeha' o ana' i Tsiôneo
ty Mpanjaka' iareo.
3 Hibango i tahina'ey an-tsinjake,
ho saboe' iereo am-pititihañe
marovany naho kantsàñe.
4 Fa mahafale IEHOVÀ ondati'eo;
hampihamine'e fandrombahañe
o mirèkeo.
5 Hampipoña-pandrengeañe o noro'eo,
hisabo an-kaehak' an-tihi'iareo eo.
6 Ho am-palie' iareo ty fañonjonañe
an' Andriananañahare,
vaho am-pità' iareo

* 148:9 Eretse: hatae bey

ty fibara sambe-lela’e,
7 hamale fate amo fifeheañeo,
naho handilo ondatio,
8 handrohy o mpanjaka’ iareoo
an-tsilisily,
o roandria’iareoo an-dangoke viñe,
9 hametsahañe am’ iereo i zaka pinatetsey;
ho fandrengeañe ze hene noro’e.
Treño t’IÀ.

# 150

1 Treño t’IÀ.
Mandrengea an’Andrianañahare
an-toe’e miavake ao;
Jejòeñe ty hajabahinan-kaozara’e!
2 Rengeñe o fitoloña’e maozatseo;
Jejò i hajabahina’ey!
3 Irengeo am-pipopòn’ antsiva;
Jejò an-dokanga naho marovany !
4 Irengeo an-tsinjak’
arahen-kantsàñe,
Jejò amo maro-talio naho an-tsoly!
5 Irengeo ami’ty fikantsàn-kantsàñe;
Jejò ami’ty figodebom-pinga bey
6 Hene mandrengea IÀ
ze mahakofòke.
Treño t’IÀ !

# Razan-tSaontsy

*Fiaolo*
1 O razan-tsaontsi' i Selomò ana' i Davide, mpanjaka' Israeleo :
2 Haharendrehañe ty hihitse
naho ty anatse;
hahafohinañe o saontsy minday hilàlao,
3 hañanarañe filieram-batañe,
havañonañe, zaka-to, naho tsy firihiañe,
4 haringatañe amy trentrañey,
hampahihitse naho hampahilala
o tora'eo;
5 hijanjiña'e ty mahihitse hanompea'e hilala,
le ho verèñe an-kihitse ty maharendreke,
6 hahavaky o hatòm-bolañeo,
naho o fandrazañañeo,
ty enta' o mahihitseo vaho
o razan-tsaontsi'eo.
7 Ty fañeveñañ'am' IEHOVÀ ro fifotoran-kilala*,
fe malain-kihitse naho anatse ty gege.

*Hatahata ty amo Rañetse Tsivokatseo*
8 O anake, tsendreño, ty fameren-drae'o,
naho ko ado'o ty fañòhan-drene'o;
9 Ie firavahañe soa an-doha'o eo
vaho hareañe am-bozo'o eo.
10 O anake, ihe edrè' o tsivokatseo, ko miantoke.
11 Ie manao ty hoe :
Antao hindre ama'ay;
antao hivoñon-dio,
hiambotrak' am'ondaty mahitio tsy aman-tali'ey;
12 hagodran-tika veloñe iareo
manahake i kiboriy, ty vata'e iaby,
hambañe amo mivariñe an-kòak' aoo;
13 Hahaisake ze atao vara soa,
hañatsafan-draha kinopake
amo akiban-tikañeo;
14 Mipiteha ama'ay arè, sindre hitraok' an-koroñe raike.—
15 O anake, tsy iharoan-dia iereo,
kalaño ty tombo'o
tsy ho ami'ty lala' iareo;
16 fa milay mb'an-katsivokaram-b'eo
o tombo' iareo
malisa hampiori-dioo.
17 Toe tsy vente'e ty amohàm-pandrike†
ambane' ty masom-boroñe eo !
18 fe o liom-bata'eo ty iampira' iareo,
ty fiai'iareo avao ty amandroña'iareo.

---
* **1:7** Rzs 9:10, Sab 111:10 † **1:17** Heb: andamahan-karato

19 Zay ty sata’ o mpitavam-bara
am-patiti’eo,
asinta’e ty fiai’ i mitañ’ aze’ey.

*Mikaike t’i Hihitse*

20 Mikok’ an-dalambey eo t’i Hihitse;
poñafe’e an-tameañe ey i fiarañanaña’ey.
21 Mikaik’ ami’ty fangovovoha’ondatio,
mametse saontsy
an-dalam-pizilihañ’an-drova eo:
22 Pak’ombia ry seretseo ty mbe
ho tea’o ty firoerano’o?
naho mbe hifale ami’ty famokafoka’e o mpanivetiveo,
vaho mbe halain-kilala o gegeo?
23 Mibaliha ty amy fañendahakoy,
Hadoako ama’ areo ty añ’ovako ao; hampahafohineko anahareo o entakoo.
24 Amy te nikoike raho, f’ie nifoneñe;
nahitiko ty tañako,
fe leo raike tsy nañaoñe,
25 fonga nifarie’ areo o fañerekoo,
vaho niambohoa’ areo o endakoo,
26 Aa le zaho ka ty hiankahake
ami’ty hankà’areo,
vaho ho kizaheko t’ie mianifañe,
27 ie vovoa’ ty havorombeloñe
hoe te tiobey,
naho iambovoa’ ty hankàñe
manahake te talio,
ie iambotraha’ ty haloviloviañe
naho ty halonjerañe,
28 Hikaik’ ahy amy zao iereo
fe hamoeako
hitsoek’ ahy fa tsy hahaoniñe.
29 Amy t’ie nalain-kilala, tsy nijoboñe
ty fañeveñañe am’ Iehovà,
30 nitambolitritrie’ iereo ty fañerèko,
vaho tsinambolitio’ iereo o fitrevokoo,
31 Aa le hagedra’ iareo
ty voka’ o sata’ iareoo,
naho ho etsa-kilily,
32 Ie mañoho-doza amo trentrañeo
t’ie miamboho, naho
mandrotsake o dagolao t’ie midada.
33 Fe ho soa fimoneñe
ty mitsendreñe ahiko
vaho hiaiñ’añ’oleñañe,
tsy ho hemban-kankàñe.

# 2

*Ty Hasoa o Hihitseo*

1 O anake, naho iantofa’o
o fivolakoo vaho akafi’o añ’ova’o ao o lilikoo,

2 naho añilaña’o sofiñe ty hihitse,
naho anokilaña’o troke ty hilala,
3 naho kaihe’o ty fitsikarahañe,
naho pazahe’o ty faharendrehañe
4 naho itsoeha’o hoe volafoty
ikodebea’o hoe vara mikafitse :
5 Le ho rendre’o
ty fañeveñañ’ am’ IEHOVÀ
vaho hitendreke ty fahafohinañe an’Andriananañahare.
6 Fa manolo-kihitse t’IEHOVÀ
boak’am-palie’e ao ty hilala
naho ty faharendrehañe.
7 Añaja’e hihitse maharongatse
amo vantañeo,
fikalan-dRe amo mpañavelo
an-kahitiañeo,
8 arova’e o lalan-katòo,
naho ambena’e ty lala’ o noro’eo.
9 Le ho fohi’o ty havantañañe
naho ty hatò, naho ty hamiràñe,
vaho ze lalañe soa;
10 Hizilik’ añ’ova’o ao ty hihitse,
naho hahafale ty tro’o ty hilala;
11 Hañambeñ’ azo ty filieram-batañe,
hijilova’ ty faharendrehañe;
12 hasita’e ami’ty lalan-karatiañe,
amy t’indaty mivolam-bìlañe,
13 amo miveve boak’ amo lalan-kahitiañeoo, hijarabajaraba
amo lalan-kaieñeo,
14 amo mirebek’ ami’ty hatsivokarañeo,
naho mifale ami’ty hamengohan-
karatiañeo,
15 ie mikelokeloke an-dia,
vaho miridrike an-dalañe;
16 Hamotsots’azo ami’ty tsimirirañe,
ami’ty karapilo mitsiriry an-drehake,
17 i namorintseñe ty valin-katorà’ey,
vaho mandikoke i fañinan’ Añahare’ey.
18 Migodroñe mb’am-pihomahañe ao ty akiba’e,
minday mb’an-kavilasy ao o lala’eo;
19 Le lia’e tsy mimpoly
ze miheo mb’ama’e ao,
tsy ho taka’e ka o lalan-kaveloñeo.
20 Aa le handenà’o ty lala’ o soao,
naho hifahara’o o lala’ o vantañeoo.
21 Fa hitoboke amy taney o vañoñeo,
vaho himoneñe ao o malio-tahiñeo;
22 Fe haitoañe amy taney o lo-tserekeo,
vaho ho voroteñe o mpamañahio.

# 3

*Miatoa am' IEHOVÀ*

1 O anake, ko haliño o entakoo
le ampañambeno ty tro'o o lilikoo,
2 Le halavan'andro naho taon-kavelo
vaho fierañerañañe ty hatovoñ' ama'o.
3 Ko ado'o hieng'azo ty fatarihañe
naho ty hatò;
rohizo am-bozo'o eo,
sokiro an-takelan-tro'o ao,
4 hahaoniña'o hamaràm-bintañe
vaho tahinañe soa
ampivazohoan' Añahare naho ondatio.
5 Miatoa am' IEHOVÀ
an-kaampon-tro'o
vaho ko iatoa'o ty hilala'o;
6 Iantofo amy ze hene lia'o,
le ho vantañe'e o lala'oo.
7 Ko manao mahihitse a maso'o;
mirevendreveña am' IEHOVÀ
vaho ihankaño ty hatsivokarañe,
8 ie ho fijangañan-tsandri'o,
vaho fameloman-taola'o.
9 Iasio t'IEHOVÀ amo vara'oo,
naho ami'ty lohavoa' o nampitomboe'oo;
10 Le handopolopo, hamopòke
ty an-driha'o ao
vaho handopatse divay vao o sajoa'oo.
11 O anake, ko sirikae'o
ty fandilova' IEHOVÀ
ko heje'o o fañendaha'eo,
12 fa lilove' IEHOVÀ ty kokoa'e,
hambañe ami'ty rae
i anadahy ampokofe'ey*.

*Toe Vara*

13 Haha t' indaty mahaonin-kihitse,
naho t'indaty itomboan-kilala,
14 fa lombolombo ty fitomboam-bolafoty
ty fibodobodoa'e,
vaho ambonem-bolamena ty havokara'e.
15 Sarotse te amo safirao†
vaho tsy amo salalae'oo
ty mañirinkiriñ'aze.
16 Lava-havelo ty am-pitàn-kavana'e
vara naho asiñe ro am-pitàn-kavia'e.
17 Lalam-panintsiñañe o lala'eo,
vaho fierañerañañe
o lalam-pandia'eo.
18 Hataen-kavelon-dre
amo mivontititse ama'eo;

* **3:12** Iob 3:11-12, Heb 12:5-6 † **3:15** ze vatosoa

naho hene haha ze mamejañe aze.

### *Ty Hihin-Añahare amo Voatseo*

19 Hihitse ty nañoriza' IEHOVÀ
ty tane toy;
Hilala ty nampijadoña'e
o likerañeo;
20 O hilala'eo ro ampiborahañe o lalekeo, vaho ampitsopaha' o rahoñeo mika.

### *Fiarovañe To*

21 O anake, asoao tsy hisitake
am-pahatreava'o ao o raha zao :
vontitiro ty hihitse to
naho ty filieram-batañe,
22 hamelombeloñe ty tro'o,
naho handravake ty vozo'o.
23 Le handena'o an-kanintsiñe
ty lia'o, vaho tsy hikotrofotse ty tombo'o.
24 Tsy ho hembañe te mandre;
eka ie mihitsy, ho mamy ty firoro'o.
25 Ko mianifañe te ivotraha' ty mampangebahebake,
ndra ty fampiantoañe o lo-tserekeo
te mifetsake.
26 fa IEHOVÀ ro hatokisa'o
naho hitañe ty tombo'o
tsy ho fandriheñe.
27 Ko tana'o ami'ty mañeva ty soa,
naho an-taña'o ty mahaeneñe aze.
28 Ko manao ty hoe am'ondatio: Akia hey, le mibaliha, vaho hamaray
ty hanolorako azo— ie ama'o ao avao.
29 Ko mikitro-draty am' ondatio,
ie mimoneñe am-patokisañe
marine' azo.
30 Ko liera'o tsi-aman-tali'e ty ondaty
tsy nanjoam-boiñe.
31 Ko tsikirihe'o t'indaty piaroteñe
vaho ko joboñe'o o sata'eo;
32 tiva am' IEHOVÀ ty mengoke;
fe itraofa'e safiry ty vantañe.
33 Nafà' IEHOVÀ ty akiba' o lo-tserekeo,
fe tahie'e ty kivoho' o vantañeo.
34 Toe ati'e o mpanitseo,
fe isohe'e ty mpireke.
35 Handova hasiñe o mahihitseo, fa onjone' o seretseo ka ty mahasalatse.

## 4

### *Fañòhan-dRoae*

1 Tsanoño ry anake, ty fanoroan-drae, itsendreño hahazoa' areo hilala;
2 fa nanolorako fiohan-tsoa:
aa le ko apo' areo ty Fañòhako
3 Zaho anadahin-draeko, nitrotrotrotro, bako tokañe ampahaisahan-dreneko,
4 le nanareñe ahy ty hoe:

ampifaharo an-tro’o ao o entakoo;
tambozoro o lilikoo hiveloma’o
5 Manaña hihitse; mitohà hilala:
ko mañaliño,
vaho ko miamboho
amo volam-bavakoo;
6 Ko apo’o, le harova’e;
ikokò, le hambena’e.
7 Hihitse ty lohà’e,
aa le manàña hihitse,
eka, mangalà hilala
amy ze hene famoria’o.
8 Onjono re le honjone’e rehe;
hiasia’e te fihine’o.
9 Hampihamine’e voñe vinanditse
an-doha’o,
ho tolora’e sabaka fanjàka.

*Ko Enga’o ty Lalan-kato*

10 Mitsanoña ahy, anake,
vaho iantofo o entakoo,
hañamaroañe ty taon-kavelo’o.
11 Fa nitalifirako mb’an-dalan-kihitse; naho nitehafeko
mb’amo lalan-kavantañañeo.
12 Ie mitsontike,
tsy ho sebañeñe o lia’oo;
ihe milay, tsy hitsikapy.
13 Vontitiro ty anatse le ko apo’o, ambeno amy t’ie ro havelo’o.
14 Ko mitsile mb’añ’oloñolo’ o lo-tserekeo vaho ko andenà’o ty lala’ o tsivokatseo.
15 Ihankaño, ko miary eo,
iholiaro vaho mihelaña.
16 Ie tsy miroro hey
naho tsy mandilatse;
tinavañ’ am’iereo ty firotse
ampara’ te mitsikapy.
17 Fihina’ iereo ty lintsen-karatiañe
vaho genohe’ iereo ty divain-kasiahañe.
18 Manahake ty hazavà’
i manjirik’ àndroy
ty lala’ o vantañeo,
ie mihamazava erike ampara’
te mipisañe.
19 Hoe fimoromoroñañe
ty lala’ o lo-tserekeo,
ie tsy maharendreke te mahatsikapy.
20 O anake, tsendreño o fivolakoo;
anokilaño sofy o lañonakoo.
21 Ko enga’o hihake amo maso’oo; f’ie ahajao an-tro’o ao.
22 Amy t’ie haveloñe amo maharendrekeo,
toe fijangananañe ho an-tsandri’iareo iaby.
23 Ambeno am-pilozohañe ty tro’o,
fa boak’ama’e
o fanganahanan-dranon-kaveloñeo.

24 Asioro ama'o ty vava mengoke,
vaho ihankaño o soñy mikelokeo.
25 Ampañenteo mahity o maso'oo,
vaho ampivantaño mañaolo
o holi-maso'oo.
26 Jilovo ty fombàn-tombo'o, le hijadoñe soa o lia'oo.
27 Ko mivio mb'an-kavana
ndra mb'ankavia;
fa ampandifiho ty raty o tombo'oo.

# 5

*Hatahata amo Haleorañeo*

1 O anake, tsendreño ty hihiko;
atokilaño mb'am-pahilalako ty sofi'o,
2 hifejaña'o ty filie-batañe, naho hañaja hilala o soñi'oo.
3 Mitsopa-tantele ty soñin-tsimirirañe,
vaho malama te amo solikeo ty vava'e;
4 f'ie mafaitse te amo vahon-tsoiñeo am-para'e,
masioñe hoe fibara sambe-lela'e.
5 Mizotso mb'am-pikoromaham-beo
o tombo'eo,
mitalifitse mb'an-tsikeokeok' ao ty lia'e.
6 Tsy haraharae'e i lalan-kaveloñey; mihelahela o lala'eo, fe amoea'e.
7 Aa le mitsanoña ahy henaneo ry anake, vaho ko mivike amo entam-bavakoo.
8 Ahankaño lavits' aze ty lala'o,
vaho ko itotofa'o ty sariran-akiba'e;
9 tsy mone hatolo'o ami'ty ila'e ty enge'o,
naho o tao'oo amy mifajifajiy,
10 mbore hampiboboke ty ambahiny
ty haozara'o,
vaho mb'añ'akiba' ty alik'ama'o
o nimokora'oo;
11 Hiñeoñeon-drehe
añ'andron-kònka'o,
ie mihomake ty nofo'o naho ty sandri'o,
12 ami'ty hoe:
Akore te nalaim-pandilovan-draho,
naho niheje' ty troko o endakeo!
13 Tsy nitsendreñeko ty fiarañanaña'
o mpañanakoo,
tsy nanokilañako sofiñe
o mpañoke ahikoo.
14 Fa an-titotse ho nianto raho,
añivo' ty fivory naho i valobohòkey.
15 Minoma rano an-kadaha'o avao
rano midoañe boak'an-tatefatse'o ao.
16 Hienene mb'an-dalambey mb'eo hao
ty rano'o migoangoañeo?
rano hitsiritsiok' an-damoke eo?
17 Ehe t'ie azo,
fa ko andiva'o ami'ty ambahiny.

18 Ho soa-tata ty fipotitiaha’o,
vaho irebeho ty valin-katora’o.
19 Hirañe mikoko re,
renen-kira maintelèñe—
hampaheneñe azo nainai’e o fatroa’eo,
i fikokoa’ey avao ty hilosora’o.
20 Akore, anake, t’ie tsepahe’ ty karapilo?
naho fihine’ ty arañan’ ambahiny?
21 Sindre añatrefam-pihaino’ IEHOVÀ
o lala’ ondatio,
Songa tsikarahe’e o lalan-tsile’eo.
22 Ho fandrihe’ ty hatsivokara’e
ty lo-tsereke,
vaho hamihiñe aze am-bahotse
o hakeo’eo.
23 Hikenkan-dre fa po-hilala,
ty halosoran-kagegea’e ty hampivike aze.

# 6

*Hatahata amo Hagegeañeo*

1 O anake, ie nampipok’ antoke am’ondatio,
lehe nañoho-pitàñe hitsoake
ty ambahiny,
2 ie finandri’ ty entan-tsoñi’o, vinandibandi’ ty fireham-bava’o,
3 Ano zao, ty anake toke: Mivotsora, ie fa nihotrak’ am-pità’ ondatio: akia, mireha ama’e,
imaneo halaly indatiy!
4 Ampifoneño roro o maso’oo, tsy hidrodreke o vohomaso’oo.
5 Mibolitira hoe hirañe an-tañañe,
naho hoe kibo am-pitàm-pikehe.
6 Akia mb’ami’ty vitike, ry tembo,
haraharao o sata’eo vaho mahihira!
7 Ie tsy amam-pifehe, tsy amam-pisary,
tsy amam-pandily,
8 fe kotepè’e ami’ty asara ty hane’e,
vaho atonto’e am-pitatahañe
o lintse’eo.
9 Pak’ ombia rehe te mbe hitozoke,
ty mpitsorotake tia?
Ombia t’ie hitroatse amy firoroa’o?
10 Mikonkòñe kedeke, miroro tsi-ampe, mifehefare hitofa’o heike:
11 le hiambotraha’ ty harárahañe
hoe malaso,
vaho ty hapoiañe hoe lahifihaty.
12 Ty lahi-tembo naho i lahiaga:
i mpañariok’ am-bava vìlañey,
13 ami’ty maso mipie,
an-tomboke mitsao tane,
an-drambo-taña manondrotondro,
14 ie am-pikitrohan-draty an-tro’e nainai’e, ro mbore mikililу,
mitolom-pamitse fifalaiñañe;

15 Aa le, hiambotraha’ ty hankàñe
ami’ty manao zao le ho demoke
tsy lefe jangañeñe.
16 Eneñe ty raha heje’ IEHOVÀ, Eka, fito ro tiva ama’e:
17 ty fihaino mievoñevoñe,
ty fameleke mandañitse,
ty fitàñe mampiori-dio-maly,
18 ty troke mikitro-karatiañe, ty fandia mifajifajy mb’an-katsivokarañe,
19 ty mpitalily vilañe, mikofòke lañitse, naho ty mampiboele fifankalaiñañe an-drolongo’e.
20 O anake, ambeno ty lilin-drae’o,
vaho ko apo’o ty fañòhan-drene’o.
21 Ifeheo an-tro’o ao nainai’e; rohizo am-bozo’o eo.
22 Hiaoloa’e te mijelanjelañe, ie màndre, hambena’e;
tsekake le ivesovesoa’e.
23 Toe failo o lilio,
naho hazavàñe t’i Hake*, vaho lalan-kaveloñe o endake fanoroañeo.
24 Hikalañe azo tsy homb’ amy tsimirirañey, ami’ty lela-malama’ i karapiloy.
25 Ko irie’o an-troke
ty hamontramontra’e,
asoao tsy ho tsepahe’ ty vohomaso’e.
26 Vonga-mofo ty tamben-tsimirirañe,
fa naho vali’ ondaty,
le i fiaiñe sarotsey ty itsindroha’e.
27 Naho otroñe’ ondaty añ’arañа’e ao ty afo,
tsy hirehetse hao ty saro’e ?
28 Mete lia’ondaty hao ty vae mirekake,
tsy hahamae’ o fandia’eo?
29 Zay ty fifandian-tihy
ami’ty vali’ ondaty:
tsy mete tsy liloveñe ty mitsapa aze.
30 Tsy injè’ ondatio ty mpampikametse
te mikizo hampahaeneñe ty fiai’e saliko,
31 fa ndra ie, naho tsepake,
ro hañavake im-pito,
fonga hondroha’e ze vara añ’akiba’e ao.
32 Akore ty hagegea’ ty mañarapilo
an-drakemba:
fa sata’ ty handrotsa-batañe.
33 Vono-troboke naho hasalarañe ty ho zoe’e, vaho tsy ho faopaoheñe ka i inje’ey.
34 Mampiforoforo ondaty ty famarahiañe, tsy hapo’e amy andro hamalea’e fatey.
35 Tsy handrambesa’e ondroke,
tsy mahatèke aze
t’ie ampitoboroñan-dravoravo.

# 7

*Fisarihan-tsie Kanao Vali’Ondaty*

1 O anake, ambeno o entakoo,
vaho akafiro ama’o ao o fepèkoo;

* **6:23** Sab 119:105

2 Fejaño o lilikoo vaho miveloma,
naho i Fañòhakoy
manahake ty sainte maso’o;
3 Arohizo an-drambon-taña’o, sokiro an-takelan-tro’o.
4 Anò ty hoe ty hihitse;
Rahavaveko rehe; vaho tokavo ty hoe:
Rañetse, ty hilala,
5 hikalaña’ iareo azo
tsy ho ami’ty tsimirirañe,
tsy ho amy ambahiny malama firehakey.
6 Zaho an-dalan-keden-akibako ao nitilihitse an-tsingarakarake,
7 naho nisamba añivo’ o trentrañeo,
nijiloveko an-teñateña’ o gaon-dahio,
ty ajalahy tsy aman-dron-doha,
8 nitsake ty lalañe mioza an-kotso’e mb’eo,
vaho nikopile mb’an-dalan-tsileke mb’añ’akiba’e mb’eo,
9 am-palipalitsieñe, ie ni-hariva ty andro,
amy haien-kaleñe nimoromoroñey.
10 Le heheke ty rakemba mifanalaka ama’e, mihamiñe hoe tsimirirañe,
hakalitahañe ty an-tro’e ao.
11 Ie mitazataza naho miola,
tsy mimoneñe añ’akiba’e ao o tombo’eo;
12 mbore an-dalañey, mbore an-kiririsa,
mijeke amy ze atao fitsileañe.
13 Fejañe’e i lahiy naho orofa’e
vaho anoe’e ty hoe an-tarehe miriñake:
14 Amako ty soron-kanintsiñe vaho navahako anindroany o nifantàkoo;
15 aa le niakatse raho hifañaoñan-tika,
hitsoehako ty tarehe’o;
heheke te tendreke.
16 Fa nilafihako i tihikoy, an-deny maviabiake boak’ e Mitsraime.
17 Fa namitsezako rame* ty fandreako,
voñem-bahoñe naho romba†.
18 Antao ito higenoke ty hatea
ampara’ te porea’ ty maraindray;
antato hifalefale an-katea.
19 Tsy añ’anjomba ao ty valiko,
fa nifokofoko añe,
20 Ninday drala an-koroñe, vaho tsy himpoly naho tsy zava-volañe.
21 An-tsiriry maro ty anigiha’e;
an-tsoñi’e mamolavola
ty anjira’e aze.
22 Orihe’ i ajalahiy amy zao,
misìtse mb’eo hoe añombe ho lentañe,
hoe ty gege an-dongòke ho liloveñe,
23 ampara’ te trofahañ’ ana-pale ty ate’e;
hoe kibo mibororoñe
mb’am-palàñe mb’eo,
amoea’e t’ie famoeam-piay.
24 Ie amy zao ry anakoo, tsanoño raho, vaho tsendreño ty entam-bavako.

* 7:17 Heb: more, boak’ ami’ty hoe mire † 7:17 Heb: kinamone

25 Ko ado’o hivio mb’an-dala’e mb’eo ty tro’o;
ko mandifike mb’añ’oloñolo’e mb’eo;
26 amy te maro ty tsinipo’e nifotsake,
vaho tsifotofoto o navetra’eo.
27 Minday mb’an-Tsikeokeoke mb’eo
ty akiba’e,
mizotso mb’añ’ akiban-kavilasy ao.

# 8

*Ty Falalà’ i Hihitse*

1 Tsy mikoike hao ty hihitse,
tsy mañonjom-piarañanañañe hao
ty hilala?
2 An-kaboañe ey, añ’olon-dalañe eo, am-pitsileañe eo ty ijohaña’e;
3 añ’ilan-dalam-bein-tsariran-drova eo
ami’ty fiziliha’ o lalam-beio
ty ikoha’e ty hoe:
4 Ry ondatio, ikanjiako,
ty feoko mb’amo ana’ ondatio.
5 Ry trentrañeo, mioha hakarafitoañe;
naho, ry seretseo, mandrendreha an-troke.
6 Mitsanoña hitaroñako raha
aman-kasiñe;
vaho hañakatse volam-bantañe
kanao misokake o soñikoo;
7 Hivolan-katò ty vavako;
fa tiva amo soñikoo o haratiañeo.
8 Songa mahity o entam-bavakoo,
tsy ama’e ty mikeloke
ndra mengoke.
9 Ie vantañe amy mahihitsey vaho mahity ami’ty maha-onin-kilala.
10 Rambeso o fañòhakoo, fa tsy volafoty; naho ty hilala fa tsy volamena nitsoheñe;
11 Fa lombolombo’ o hangeo ty hihitse,
vaho tsy eo ty salalaeñe mañirinkiriñ’aze.
12 Zaho, hihitse, ro miharo-toboke
ami’ty filieram-batañe,
vaho manjo hilala naho fitalifirañe.
13 Malain-karatiañe ty fañeveñañe am’ Iehovà.
hejeko ty firengeañe, ty fibohabohañe,
ty satan-karatiañe, naho ty vava mitera.
14 Amako ty fanoroañe,
naho ty hihitse do’e,
Zaho o hilalao; ahy o haozarañeo.
15 Zaho ty ifehea’ o mpanjakao,
naho anoa’ o mpifeheo lily vantañe.
16 Zaho ty ifeleha’ o mpifelekeo
naho o roandriañeo,
ze hene mpizaka-to.
17 Kokoako ze mikoko ahiko, naho
handrèndrek’ ahy ze mitsoek’ ahy.
18 Rekets’ amako ty vara naho ty asiñe;

hanàñañe tsy modo naho havañonañe.
19 Soa te amo volamenao ty havokarako
eka ndra volamena ki'e,
vaho ambone' ty volafoty jinoboñe
o firegoregoakoo.
20 Manjotik' an-dalam-bantan-draho,
añivo o oloñolon-kavantañañeo,
21 hampandovàko vara o mpikoko ahio, naho hatseheko o kipondi' iareoo.

### *I Hihitse tam-Pifotorañe añe**

22 Tsinene' IEHOVÀ raho
ho fifotoran-dala'e,
ty valoham-pitoloña'e haehae zay.
23 Tsietoimoneke zay ty nañorizañ' ahiko,
tam-baloha'ey,
taolo te nioreñe ty tane toy.
24 Ie mboe tsy teo o lalekeo ty niterahañ' ahy,
ie mboe tsy nidoadoañan-drano
o loharanoo.
25 Ie mboe tsy nipetake o vohitseo,
taolo o tambohoo, te naterake;
26 Ie mboe tsy niforoñe'e ty tane toy
naho o hivokeo,
ndra ty deboke valoha' ty tane toy.
27 Ie nampijadoñe o likerañeo,
teo raho,
Ie nanokitse ty bontoly
ami'ty tarehe' i lalekey eñe,
28 Ie natobe'e an-toe'e ey o likerañ' amboneo,
naho nampitosire'e o loha-rano' i làlekeio.
29 Ie nifahera'e i riakey,
tsy handilara' o ranoo i nandilia'ey;
ie tinendre'e o faha-ty tane toio,
30 Le nirekets' ama'e raho fa natokisañe, naho nampifaleako lomoñandro,
nainai'e nirebek' aolo'e.
31 Nihisa an-tanem-pimoneña'e
vaho nahaehak' ahy o ana' ondatio.
32 Ie amy zao, ry anake, mitsendreña ahy:
Haha ze mañorike o lalakoo.
33 Mitsanoña fañòhañe
naho mahihira, vaho ko mifoneñe.
34 Haha t'indaty mitsendreñe ahy,
ty misary nainai'e an-dalam-beiko eo
mandiñe an-dahin-dalako eo.
35 Ze tendrek' ahiko tendre-kaveloñe,
vaho tolora' IEHOVÀ fañisohañe;
36 Fe ze losotse ahy mijoy vatañe;
fonga mikoko havilasy ze malaiñe ahy.

## 9

### *Ty Sabadidak' i Hihitse*

---

* **8:21** Jaona 1.1-3; Its 30:4; Ko I 1:24,30

1 Fa nandranjy i akiba’ey
t’i Hihitse, fa rinamerame’e i faha’e fito rey.
2 Fa nandenta, fa linaro’e ty divai’e,
fa hinalanka’e i fandambaña’ey.
3 Fa nirahe’e o anak’ampata’eo,
hikaike boak’ an-digiligin-kaboa’
i rovay ey.
4 O ry tahitahiñe, mitsilea mb’etoa!
le hoe re amy seretsey,
5 Mb’etoa ikamao o hanekoo
naho inomo i divay linarokoy,
6 Apoho ty hagegeañe naho miveloma,
mañaveloa an-dalan-kilala.

### *Anatse Ankababa’e*

7 Mizò inje ty mañendake mpanivetive;
tendreke joy ty mitrevoke ty lo-tsereke.
8 Ko mañendake ty mpamokafoka
hera halaiñ’azo;
Trevohe’o ty mahihitse le hikokoa’e.
9 Anaro o mahihitseo
le hiha-mahihitse avao;
ampandrendreho ty vantañe
le hitombo an-kilala.
10 Ty fañeveñañe am’ IEHOVÀ
ro fifotoran-kihitse,
vaho ty fahafohinañe i Masiñey
ro faharendrehañe*.
11 Zaho ty fampitomboañe o andro’oo, fampitompeañe taoñe o havelo’oo.
12 Ie mahihitse, hañimbañ’ azo i hihitsey;
Ihe manivetive ty hivave izay.

### *Ty Fañambara’ i Dagola naho ty Fampitama’e*

13 Mamantsiñe ty rakemba gege,
ie tsotra tsy mahafohin-draha,
14 Mitobok’ an-dalam-bein-akiba’e eo,
am-pitobohañe amo haboa’ i rovaio,
15 mikaike ze miary eo,
amo mañavelo an-kavantañañeo:
16 O ry trentrañeo, mitsilea mb’etoa!
le hoe re amy tsy aman-kilalay:
17 Mamy ty rano nikamereñe,
vaho mafiry ty mofo kamaeñe
añ’etak’ ao.
18 Fe tsy apota’e te lolo ty ao, te an-tsikeokeok’ ao o nampihovae’eo.

## 10

### *Taron-Kilala’ i Selomò*

1 O razan-dreha’ i Selomòo.
Mahaehak’ an-drae ty anake karafito,
fe mañore an-drene’e ty anadahy gege.
2 Tsy manjofake ty vara niazo

* **9:10** Rzs 1:7

an-kalo-tsere'e,
fa mañaha an-kavilasy ty havantañañe.
3 Tsy apo' IEHOVÀ ho saliko ty vañoñe,
fe aveve'e ty hadrao' o lo-tserekeo.
4 Minday hararahañe ty satan-taña migebañe, fe mampañaleale
ty fità' i mavitrikey.
5 Anake mahihitse ty manontoñe ami'ty asara, fe minday hasalarañe ty anake
miroro am-pitatahañe.
6 Fitahiañe ro añambone' o vantañeo,
fe mañeta-piaroteñe
ty vava' o lo-tserekeo.
7 Mahahaha ty fitiahiañe o vantañeo,
fe hihomake ty añara' o lo-tserekeo.
8 Mañaon-dily ty arofo' o mahihitseo*,
fe hianto ty gege mitolom-bolañe.
9 Midraidraitse am-panintsiñañe
ty mpañavelo an-kavañonañe,
fe ho fohiñe ty mitsontike
an-dala mikelokeloke.
10 Mampioremeñe ty mañieke,
vaho ho gorèñe ty gege mivolambolañe.
11 Tsiritsiriohen-kaveloñe ty falie' o vañoñeo, fe mañeta-piaroteñe
ty vava' o lo-tserekeo,
12 Mitrobo fifandierañe ty falaiñañe,
fe mandembeke ze atao fiolàñe
ty fikokoañe.
13 Tendrek' am-pivimbi' o mahilalao
ty hihitse,
fe mañeva ty lambosi'
i po-hilalay ty kobaiñe.
14 Mañaja hilala o mahihitseo,
fe antitotse ty fiantoañe ty vava' o dagolao.
15 Kijoly maozatse ty varam-pañaleale; fampiantoañe o rarakeo ty hapoia'iareo.
16 Havelo ty tambe' o vantañeo,
vaho fandilovañe
ty karama' o lo-tserekeo.
17 Mañori-dàlan-kaveloñe
ty mañaoñ' anatse,
fe mandridrike ty tsy mipaok'endake.
18 Aman-tsoñy mandañitse
ty mañetake falaiñañe,
vaho gege ty mampiboele dramotse.
19 Tsy po-tahiñe ty maro rehake,
mahihitse ka ty maha-tam-pivimby.
20 Volafoty hiringiri'e
ty famele' o vantañeo;
fe tsy vente'e ty tro' o lo-tserekeo.
21 Mamahañe maro ty fivimbi'
o vantañeo,
fe mampivetrake ty dagola

* **10:8** Hos 14:9

te tsy aman-kilala.
22 Ty fitahia' IEHOVÀ ro mampañaleale,
vaho tsy tovoña'e anahelo.
23 Fihisà' ty seretse ty mikilily,
fe hihitse ty ho amy t'indaty mahilala.
24 Hifetsak' amy lo-tserekey
ty ihembaña'e, fe hatolotse amy vantañey ty fisalalà'e.
25 Ie misaok' añe ty talio,
tsy eo ka i lo-tserekey,
fe mijadoñe nainai'e o vañoñeo.
26 Hoe kile† amo fihitsikeo,
naho hatoeñe amo fihainoo,
ty tembo amo mpañirak' azeo.
27 Fañalavañe andro
ty fañeveñañe am' IEHOVÀ,
fe ho tomoreñe ty tao'o lo-tserekeo.
28 Hafaleañe ty fisalala'o vantañeo,
fe ho modo ty fitamà' o lo-tserekeo.
29 Rova maozats' amo mahitio
ty làla' IEHOVÀ,
f'ie firotsahañe amo mpanao ratio.
30 Le lia'e tsy hasiotse o vantañeo,
fe tsy himoneña' o tsereheñeo i taney.
31 Mamoa hihitse ty falie' o vañoñeo,
fe haitoañe ty lela mitera.
32 Apota' ty fivimbi' o mahitio
ze mete akareñe,
fe mengoke ty vava' o lo-tserekeo.

# 11

1 Tiva am' IEHOVÀ ty fandanjàñe vìlañe,
fe no'e ty vato to.
2 Ie avy ty firengeañe,
pok'eo ka ty hasalarañe;
fe mpiamo mpirekeo ty hihitse.
3 Miaolo o vantañeo ty havañona'e,
fe mampianto i lahiaga
ty fikelokeloha'e.
4 Tsy vente'e añ'andron-kankàñe ty vara,
fe mamotsotse an-kavilasy
ty havantañañe.
5 Mampahity ty lala' o malio tahiñeo
ty havantaña'e,
fe mikorovok' ami'ty haratia'e
o lo-tserekeo.
6 Mañaha ty vañoñe i havantaña'ey,
fe hamahotse o piaroteñeo
ty fatiti'iareo.
7 Ie mate ty lo-tsereke,
momoke o fañiria'eo,

† **10:26** Khomtse: vinegra

vaho voroke ty fitamà' i tsy mahitiy.
8 Votsorañe amy falovilovia'ey ty vantañe,
le mb'eo handimbe aze ty lo-tsereke.
9 Mijoy ty rañe'e am-bava'e ty tsi-aman-Kàke ,
fe hilala ty mañaha o vañoñeo.
10 Ie miraorao o vantañeo,
mirebeke ty rova;
ie momoke ty lo-tsereke,
inay ty firiñariñan-kobaiñe.
11 Mionjoñe ty rova tatae' o vañoñeo,
fe rotsahe' ty vava' o lo-tserekeo.
12 Po-hilala ty maniva ondaty,
fe mianjiñe t'indaty mahilala.
13 Mb'eo mb'eo i mpitolom-bolañey
mampiborake ty nitangogoeñe,
fe mahakafi-draha ty migahiñe.
14 Ie po-panoroañe, mihotrake o borizañeo,
fe fandreketañe t'ie mitolom-pisafiry.
15 Toe hisotry ty miantoke
songon' ambahiny,
fe soa fiaro ty malai-mañoho-pitàñe.
16 Asieñe ty rakemba matarike,
vaho manontom-bara ty fanalolahy.
17 Mañasoa ty tro'e t'indaty matarike,
fe mijoy ty vata'e ty mpampisoañe.
18 Mikarama hakoahañe ty lo-tsereke,
fe ho soa tambe
ty mitongy havantañañe.
19 Ho veloñe ty mifahatse
an-kavañonañe,
fe hihomake ty mañean-karatiañe.
20 Tiva am' IEHOVÀ
ty mengok' an-troke,
fe ifalea'e ty mañavelo an-kahiti'e.
21 Tsy mikalafo te* tsy ho po-lafa
ty lo-tsereke,
fe ho haha ty tiri' o vantañeo.
22 Hoe bange volamena
ami'ty oron-dambo
ty ampela montramontra
tsy mahalie-batañe.
23 Ty hasoa avao ty fisalala' o vañoñeo;
fe haviñerañe ty fitamà' i lahiaga.
24 Eo ty fampiparaitahañe
mbe mampitombo avao;
eo ty matity ami'ty mañeva,
f'ie ho rarake.
25 Hiraorao t'indaty matarike,
vaho ho tondrahañe ka ty manondrake.

---

* **11:21** Heb: ama'e ty tañako!

26 Honjire’ ondatio ty matity ampemba,
fe fitahiañe ty ho añambone’
i mandetak’ azey.
27 Osiheñe ty mitsoe-kasoa,
fe ami’ty mipay haratiañe,
zay ty ho zoe’e.
28 Hihotrake ty miato vara,
fe handrevake hoe ravets-atae
maindoñe o vantañeo.
29 Handova tioke ty mpanolo-tsotry
añ’anjomba’e,
le hitoroñe ty mahihi-troke ty dagola.
30 Hataen-kaveloñe ty vokare’ o vantañeo,
vaho mpandrekets’arofo ty mahihitse.
31 Kanao ho tambezeñe an-tane atoy
o vantañeo,
àntsake ty tsereheñe naho o piaroteñeo.

# 12

1 Mikoko hilala ty mpitea lafa,
fe gege ty malaiñ-endake;
2 Hanjo fañisohañe am’ Iehovà
ty matarike, fe hafà’e ty mpikinia.
3 Tsy mahafioreñe ondaty ty halo-tserehañe,
fe tsy hasiotse ty vaha’o vañoñeo.
4 Sabakan-engem-bali’e ty rakemba soa,
fe hoe hamomohañe an-taola’e ao
ty mahasalatse.
5 To ty fivetsevetse’ o vantañeo;
fe mitarik’ an-dama ty fanoroa’
o lo-tserekeo.
6 Famandroñan-dio ty entam-bola’
o raty tserekeo,
fe hañaha ty vañoñe o saontsi’eo.
7 Rotsaheñe o lo-tserekeo le tsy eo,
fe hijadoñe ty anjomba’ o mahitio.
8 O hihi’eo ty anambezañe ondatio,
fe ho sirikaeñe ty mengok’ an-troke.
9 Hàmake t’ie mirè-batañe,
naho manaña mpitoroñe raike,
ta t’ie mieva ho bey fe tsy aman-kaneñe.
10 Haoñe’ ty vantañe ty fiai’ i bibi’ey,
fe fampisoañañe avao
ty tretre’ i rati-tserekey.
11 Ho enen-kaneñe ty mpiava’ i tane’ey,
fe po-hilala ty mañeañe ty tsy vente’e.
12 Tsikirihe’ o rati-tserekeo
ty fikopahan-karatiañe,
fe mamokatse ty vaha’ o vantañeo.
13 Fandrihe’ ty fiolàn-tsoñi’e ty lahiaga,
fe hibolititse amy haloviloviañey ty vañoñe.

14 Mahaenen-kasoa t’indaty
ty vokam-palie’e,
vaho himpoly ama’ ondaty
o fitoloñam-pità’eo.
15 Mahity amo maso’eo ty gege,
fe mijanjim-panoroañe ty mahihitse.
16 Fohiñe aniany ty filoa-tiña’ i dagola,
fe lembefe’ i mahihitse ty mahasalatse.
17 Mampiboake havantañañe
ty mikofòke hatò,
fe famañahiañe ty manara-bande.
18 Eo ty manoantoañe an-drehake,
hoe fitomboham-pibara,
fe minday fijanganañe
ty famele’ o mahihitseo.
19 Hijadoñe nainai’e ty fivimbin-katò,
fe aniany avao ty lelan-dremborake.
20 Famañahiañe ty an-tro’ o mpikililio,
fe haehake t’ie mpifampilongo.
21 Tsy mizò raty ty vantañe,
fe lifo-kasotriañe ty tsereheñe.
22 Tiva am’ IEHOVÀ ty soñy mandañitse,
fe no’e o mitoloñe am-pigahiñañeo.
23 Mañaja hihitse ty hendre,
fe mitazataza hagegeañe ty tron-dagola.
24 Hifeleke ty fità’ o mahimbañeo, vaho hondevozeñe ty taña migebañe.
25 Mampidrodretse ty arofo’ ondaty
ty fivazobazorañe ama’e ao,
fe mampanintsiñe aze ty talily soa.
26 Manoro an-drañe’e ty vantañe,
fe mampivike o lo-tserekeo ty lala’iareo.
27 Tsy atono’ i tembo ty nitsatsà’e;
fe vara ami’ty mpifanehake o hanaña’eo.
28 Tendrek’ an-dalam-bantañe
ty haveloñe,
vaho tsy aman-kavetrahañe i oloñolo’ey.

## 13

1 Miantoke ty lafan-drae’e
ty ajaja karafito,
fe tsy mañaon-trevoke ty mpiteratera.
2 Ty havokaran-tsaontsi’ ondatio
ro ikama’e raha mafiry,
fe tsihavokarañe ty fañiria’
o mpitroboo.
3 Mahatan-kavelo ty mahambeñe
ty falie’e;
mianto ka ty mampidañadaña fivimby.
4 Tea-haneñe ty votroo, fe tsy mahazo;
ho anjañeñe ka ty mavitrike.

5 Malain-dremborake ty vañoñe,
fe manao ty hameñarañe naho hasalarañe ty lahiaga.
6 Mahambeñe i an-dalam-bantañey
ty havañonañe,
fe mamotsake ty mpanan-kakeo
o hatsivokarañeo.
7 Eo ty miamoke ho mpañefoefo
fe poi'e;
eo ka ty manao ho rarake
f'ie mpañaleale.
8 Mahajebañe ty fiai' ondaty o vara'eo,
fe tsy mañaom-pañembàñañe
ty rarake.
9 Mirebeke ty failo' o vantañeo, fe hakipeke ty jiro' i lahiaga.
10 Fifandierañe avao ty ente'
ty fibohabohañe,
fe hihitse ty rambese'
ty mañaom-bere.
11 Mikepake ty vara niazo
an-tsata koake,
fa mampitombo ka ty mitromake hanontoña'e.
12 Mampikoretse arofo
ty fitamañe nihànkañe,
fe hataen-kaveloñe ty salala niheneke.
13 Hanaña' i tsaray songo ty manirìka aze,
fe ho tambezeñe
ty mañeveñe amo lilio.
14 Figoangoañan-kavelo
ty Fañòha' o mahihitseo
hiholiara'e o fandrin-kavilasio.
15 Tendreke fañisohañe ty hilala soa,
fe tomoantoañe ty lala'
o manao bodongeroo.
16 Hene mitoloñe an-kilala ze hendre,
fe hagegeañe ty aboa' i dagolay.
17 Mivariñ'an-dama ty irake vìlañe,
fe fijanganañe ty mpihitrike migahiñe.
18 Hararahañe naho hasalarañe
ty hizò ty tsi-mañaon-dafa,
iasiañe ka ty miantok' endake.
19 Mamy an-troke ty fisalalàñe heneke,
fe mamparitsike i dagola
ty isitaha'e ty raty.
20 Miha-mahihitse te miharo lia
ami'ty mahihitse,
f'ie halovilovy te mpiami'ty gege.
21 Tokoen-kasotriañe ty aman-kakeo,
fe firaoraoañe ty anambezañe
o vantañeo.
22 Mampandova amo anan' ana'eo
ty vañoñe,

fe mihaja ho a o vantañeo
ty vara’ o piaroteñeo.
23 Bey ty havokarañe an-tane-hoba’ i rarakey,
fe ifaopaoha’ ty tsy-hatò.
24 Malaiñ-anake ty mampipoke fikiso,
fe mikoko aze ty mipiso
am-pahimbañañe.
25 Mahaeneñe ty tro’e
ty mahakama’ i vantañey,
fe kefoke ty fisafoa’ i lahiaga.

## 14

1 Mandranjy ty akiba’e
ty rakemba mahihitse,
fe arotsa’ ty minè an-taña’e ty aze.
2 Mañeveñe am’ Iehovà
ty mañavelo an-kahiti’e,
fe manirika aze ty mengok’ amo lala’eo.
3 Am-bava’ i dagola ty kobay
ho an-dambosi’e,
fe mañaro ty mahihitse o fivimbi’eo.
4 Ie tsy eo añombe, koake ty riha’e;
Toe mahavokatse ty haozaran’ añombe.
5 Tsy mandañitse ty mpitalily migahiñe,
fe mikofòke habodiake
ty mpitarom-bande.
6 Mipay hihitse ty mpanivetive
fa tsy mahatrea,
fe mora ami’ty mahafohiñe
ty hitendreke hilala.
7 Mihankaña ami’ty fiatrefañe i minèñey,
fa tsy ho oni’o eo ty soñy mahilala.
8 Ty hihi’ i mahilalay :
le t’ie mahatsikarake ty lia’e,
fe hakalitahañe ty hagegean-dagola.
9 Sirikae’ ty minèñe ty fisolohoañe,
fe amo vañoñeo ty fiharoan-drehake.
10 Fohi’ ty troke ty hafaim-piai’e,
vaho tsy itraofa’ ty ambahiny
ty firebeha’e.
11 Harotsake ty akiba’ i rati-tserekey,
fe hiraorao ty kivoho’ o vañoñeo.
12 Eo ty làlañe atao’ ondaty ho vantañe,
f’ie migodañe mb’an-kavilasy ao*.
13 Mikoretse ty arofo
ndra t’ie miankahake,
vaho migadoñ’ an-kontoke ty rebeke.
14 Atsake o sata’eo ty midisa-voly,
fe mahaeneñe t’indaty soa i azey.

* **14:12** Rzs 16:25

15 Kila iantofa’ ty seretse,
fe tsakorè’ ty hendre o lia’eo.
16 Mihilotse ty mahihitse
vaho iholiara’e ty raty,
fe mijikajika naho mitsidaredare
ty dagola.
17 Manao raha tsi-roe-tafa-toe
ty mora boseke,
vaho tsambolitioheñe ty mikinia.
18 Mandova hagegeañe ty seretse,
fe sabakaen-kilala ty hendre.
19 Hidrakadrakak’ anatrefa’ ty soa ty raty,
naho an-dalambei’ o vantañeo ty tsereheñe.
20 Heje’ ty rañe’e i rarakey,
fe maro ty mikoko i mpañalealey.
21 Aman-tahiñe ty manirìka ondaty,
haha ka ty matarike amo poi’eo.
22 Tsy hidridrike hao ty mpikilily?
Fe fiferenaiñañe naho hatò
ro amo misafiry hasoao.
23 Amam-bokatse ze hene fitoloñañe,
fe mahararake ty soñy mikofofoake.
24 Sabaka’ o mahihitseo ty vara’e;
fe hagegeañe ty hanè’ o dagolao.
25 Mpañaha aiñe ty mpitaroñe mahity,
fe mpikitro-draha ty mikofò-bande.
26 Fañarovañe fatratse ty fañeveñañe
am’ Iehovà,
vaho amam-pipalirañe o ana’eo.
27 Havelo migoangoañe ty fañeveñañe
am’ Iehovà,
toe fampiariañe o fandri-kakoromahañeo.
28 Enge’ i mpanjakay ty borizañe maro;
ampoheke ka ty ana-donake
tsy ama’ ondaty.
29 Àmpon-kilala ty malaon-kaviñerañe;
fe mpañonjo hagegeañe ty mora boseke.
30 Mahavelon-tsandriñe ty arofo hendre,
fe mahavoroke taolañe ty farahy.
31 Mitera i Andrianamboatse aze
ty mamorekeke o rarakeo,
fe miasy Aze ty mitretre mahatra.
32 Arotsa’ ty fandilara’e ty rati-tsereke,
fe am-pitsalohañe ty vañoñe te mivetrake.
33 Mimoneñe añ’arofo’ i mahilalay
ty hihitse,
fe abentabenta’ o dagolao ty antrok’ ao.
34 Mañonjom-pifeheañe ty havañonañe,
fe mañìnje o borizañeo ty hakeo.
35 Osihe’ ty mpanjaka ty mpitoroñe

mitoloñe an-kihitse,
fe atretrè’e an-kaviñerañe
ty manao hasalarañe.

## 15

1 Mampitolike habosehañe
ty rehake malea,
fe mitrobo haviñerañe ty volam-peha’e.
2 Mitolon-kilala an-katò ty famele’ i mahihitse,
fe mipororoake hagegeañe
ty vava’ i dagola.
3 Manitsike ze hene toetse
o fihaino’ IEHOVÀo,
misary ty raty naho ty soa.
4 Hataen-kaveloñe ty fameleke mamere,
fe mampikoritoke troke
naho ama’e ty hamengohañe.
5 mañìnje ty fañòhan-drae’e ty dagola,
fe mahilala ty mañaoñ’ anatse.
6 Vara bey ty añ’anjomba’ o vañoñeo,
fe manolo-tsotry
ty tombom-baro’ i lahiaga.
7 Mampiboele hilala
ty fivimbi’ o mahihitseo;
fe tsy zay ty tro’ i dagola.
8 Veta am’ IEHOVÀ
ty fisoroña’ o lo-tserekeo,
fe ifalea’e ty halali’ o vantañeo.
9 Tiva am’ IEHOVÀ ty taro’ i lahiaga,
fe kokoa’e ty mañean-kavantañañe.
10 Mampalovilovy
ty mandrìke amy lalañey te lafaeñe,
mikoromake ty malaiñ’ endake.
11 Mivañavaña añatrefa’ IEHOVÀ
ty tanen-dolo naho i tsikeokeoke,
sandrake ty arofo’ ondaty!
12 Tsy kokoa’ ty mpanivetive te ereteñe;
tsy tilihe’e ty mahihitse.
13 Mampaviake vintañe ty arofo misomobotsòboke,
fe mahafola-paiañe ty troke ngoma.
14 Mpitsoeke hilala ty troke maharendreke,
fe mampibotseke hagegeañe
ty vava’ i dagola.
15 Fonga mavoiñe ty andro’ o misotrio,
fe mitolon-tsabadidake ty arofo minembanembañe.
16 Hàmake ty kedeke mitrao-pañeveñañe
am’ IEHOVÀ,
ta ty vara-bey reketse hekoheko.
17 Kitra’e anjotsoañe añañe
am-pikokoañe,
ta te anozoañe temboay vinondrake am-palaiñañe.

18 Mitrobo hotakotake ty mpiloa-tiñake,
fe mampipendreñe fifandierañe
ty malaon-kaviñerañe.
19 Iremberembeam-patike
te añ'oloñolo' i votro,
fe dinamoke ty lala' i vañoñey.
20 Mahafale an-drae ty anake mahihitse,
fe mañìnje rene t'indaty gege.
21 Hagegeañe ty mahaehake i seretse,
fe vantan-dia t'indaty mahilala.
22 Milesa ty safiry po-panolo-kevetse,
fe mahaeneke te maro mpanoro.
23 Mahafale ondaty te mahafanoiñe
ty falie'e,
akore ty hasoa' ty saontsy tandrife.
24 Mañambone ty lala' o mahihitseo,
iholiara'e i tsikeokeoke ambane ao.
25 Hombota' IEHOVÀ ty akiba'
o mpirengevokeo,
fe ajado'e ty efe-tane' i vantotsey.
26 Tiva am' IEHOVÀ o fikitrofañeo,
fe hiringiry ty saontsy mampanintsy.
27 Manolo-tsotry ty akiba'e
ty mamory an-katramo,
fe ho veloñe ty malaim-bokàñe.
28 Mañereñere ty hanoiña'e
ty arofo' i vantañey,
fe mampipororoake haratiañe
ty falie' i lahiaga.
29 Lavitse o raty tserekeo t'IEHOVÀ,
fe janji'e ty halali' o vañoñeo*.
30 Mahafale arofo ty fihaino miloeloe,
vaho solik' an-taolañe ty talily soa.
31 Amo mahihitseo ty himoneña' ty aman-dravembia mitsendreñe
anatse mahaveloñe.
32 Mañìnje ty vata'e ty malaiñ' endake,
fe manonton-kilala
ty mitsatsike fanoroañe.
33 Fañòhañe hihitse ty fañeveñañe
am' IEHOVÀ,
miaolo ty asiñe te mireke.

# 16

1 A ondatio ty fisafirin-arofo,
fe a IEHOVÀ ty famaleam-pameleke.
2 Malio am-pihaino' ondaty
ze hene sata'e,
fa mpandanja arofo t'IEHOVÀ.
3 Apoho am' IEHOVÀ o fitoloña'oo,
le hijadoñe o safiri'oo.

* 15:29 Rzs 28:9

4 Kila tsinene’ IEHOVÀ
ho ami’ty fanoa’e,
ndra o lo-tserekeo ho an-tsan-kòheke.
5 Fonga tiva am’ IEHOVÀ o mpibohabohao,
tsy kalafo t’ie tsy ho po-lafa.
6 Mampanintsiñe fiolañe
ty fiferenaiñañe naho ty hatò,
Fisitahañe ami’ty raty ty fañeveñañe am’ IEHOVÀ.
7 Ie no’ IEHOVÀ ty sata’ ondaty,
le hampanintsiñe’e o rafelahi’eo.
8 Hàmake ty kedekede an-kavañonañe,
ta ty tambe bey tsy an-kahiti’e.
9 Misafiry ty lala’e ty tro’ ondaty,
fe tehafe’ IEHOVÀ o lia’eo.
10 Fañentoan’ Añahare
ty am-pivimbi’ i mpanjakay;
tsy hiota ty falie’e te mizaka.
11 A IEHOVÀ o vatom-pandanja
naho balantsio;
hene sata’e o vato an-koroñeo.
12 Tiva amo mpanjakao ty mpanao raty,
fa norizañe an-kahiti’e i fiambesa’ey.
13 Mahafale o mpanjakao
ty fivimby mahity,
vaho isohe’e ty misaontsy
an-kavantañañe.
14 Mpisangitrike fikoromahañe
ty haviñeram-panjaka,
fe hampanintsiñe aze
t’indaty mahihitse.
15 Haveloñe ty filoeloean-daharam-panjaka,
naho hoe rahoñe minday oran-dohataoñe
ty fañisoha’e.
16 Soa hatò ty ahazoan-kihitse
ta ty volamena! naho ty hijobon-kilala
te ami’ty volafoty.
17 Ty ihankaña’e haratiañe
ro lala’ o vantañeo,
vaho mahavontitits’ aiñe
ty mahambeñe i lia’ey.
18 Miaolo ty firotsahañe
ty firengevohañe,
vaho iaoloa’ ty troke miebotsebotse
ty fihotrahañe.
19 Hàmake te mpiamo rarake
an-troke mirekeo,
ta te mitraok’ amo mifanjara
o kinopake am-pibohabohañeo.
20 Hene hanjo hasoa ze mañaoñe i tsaray,
haha ty miato am’ IEHOVÀ.
21 Atao mahatsikarake ty mahihitse añ’arofo;

mahafañosike fañòhañe ty saontsy malea.
22 Ranon-kavelo migoangoañe ty hilala
amy ze manañ'aze;
fe hagegeañe ty fandafàñe i dagola.
23 Mañòke ty falie' i mahihitsey ty tro'e,
vaho tompea'e fañòhañe o fivimbi'eo.
24 Hoe papy tantele
ty saontsy mampanintsy,
mamy añ'arofo naho
mampijangan-taolañe.
25 Eo ty lalañe atao' t'indaty ho vantañe,
fe fikoromahañe ty figadoña'e*.
26 Mifanehake ho aze ty fiai' ondaty,
vaho azim-palie'e.
27 Mikabo-draha t'i Beliale1, afo misolebotse ty am-pivimbi'e ao.
28 Mampiboele hotakotake
t'indaty mengoke,
mampifanarake mpiatehena ty bisibisike.
29 Risihe' t'indaty piaroteñe ty rañe'e,
vaho kozozote'e mb'an-dalan-tsy soa.
30 Mikinia raha mengoke
ty mpipie maso,
vaho mampifetsake haratiañe
ty mpimontso.
31 Sabakan-engeñe ty maroi-foty;
oniñe an-dalan-kavañonañe eo.
32 Lombolombo ty fanalolahy
ty malaon-kaviñerañe,
vaho ambone' ty mpitavañe rova ty mahafeleke ty tro'e.
33 Tora-tsato-piso am-pe,
IEHOVÀ avao ro Mpanampake.

# 17

1 Hàmake ty pilipito'e maike
am-pianjiñañe,
ta ty anjomba lifo-takataka mitraoke
falaiñañe.
2 Ty ondevo mitoloñ' an-kahiti'e
ty hifehe ty anake mahasalatse,
ie hifanjara lova aman-droahalahy.
3 Tranaheñe an-tsinihara ty volafoty
naho an-daforo ty volamena,
vaho IEHOVÀ ro mpitsòk' arofo.
4 Mañaon-tsoñin-tsereheñe ty lo-tsereke,
tsatsihe' i remborake ty lela manivetive.
5 Mañìnje i Andrianamboatse aze
t'ie mañinje o rarakeo;
tsy ho po-lafa ty mitohàke
ami'ty hankàñe.

* **16:25** Rzs 14:12

6 Sabakan-engen-droanjia o afe’eo,
vaho enge’ o anakeo o rae’eo.
7 Tsy mañeva i dagola ty enta-soa-fehe;
lombolombo zay ty soñy vìlañe
an-droandriañe.
8 Vatosoa am-pihainom-pahazo aze
ty falalàñe,
mampitombo mb’atia mb’aroa.
9 Mpipay hatea ty mpanaroñe fiolàñe,
fe mampiria rañetse
te mamereñ’ indroe.
10 Laleke ty itrofaha’ ty endake
ami’ty mahihitse,
ta ty lafa zato ami’ty dagola.
11 Mipay fiodiañe avao ty mpiola,
aa le hañitrifañe irake masiake.
12 Hàmake hifanampe ami’ty lambon’ala nalàeñ-anake,
te ami’ty dagola aman-kagegea’e.
13 Tsy ho po-hekoheko ty akiba’
ty mamereñe raty ami’ty soa.
14 Hoe mampipororoake rano
ty fifotoram-pifandierañe,
aa le apoho i lietsey
tsy hiforehetse ho aly.
15 Songa tiva am’ IEHOVÀ
ty mañatò ty lo-tsereke naho
ty mamàtse ty vantañe.
16 Aia ty dagola te hinday drala
an-taña’e hikaloa’e hihitse
kanao tsy an-tro’e ao ty hilala.
17 Mikoko nainai’e ty rañetse,
fe nasamake ho an-tsam-poheke ty rahalahy.
18 Miroe-rano ty manò-taña
hiantofa’e ty songon-drañetse.
19 Mpitea fiolàñe ty mpikoko lietse,
vaho mikai-rotsake ty mandranjy
lalambey abo.
20 Tsy mahatrea hasoa
ty mengok’ an-troke;
vaho mihotrak’ an-kaloviloviañe ao
ty aman-dela mamañahy.
21 Ho aman’anahelo
ty misamake ty minè;
vaho tsy aman-kaehake ty rae’ i gegey.
22 Aoly soa ty arofo mifale,
fe mahamain-taolañe ty hafola-po.
23 Mandrambe vokañe boak’am-pisafoa
ty lahiaga,
hampikelokeloke ty lalam-bantañe.
24 Añatrefa’ ty mahatsikarake
ty hihitse,

fe mihilohilo mb’añ’olo-tane añe
ty maso’ i dagola.
25 Mañembetse an-drae
ty hagegean’ana-dahy,
vaho hafairañe amy nitoly azey.
26 Tsy mahasoa te liloveñe ty malio-tahiñe,
naho ty andafañe roandriañe
ty amy havañona’ey.
27 Malea fisaontsy ty mahilala,
mahalie-troke t’indaty maharendreke.
28 Ndra i seretsey ro atao mahihitse
naho mahafianjiñe,
mbore atao hendre
t’ie mahatan-tsoñy.

# 18

1 Mañean-drao ty mirery,
tsambolitio’e ze atao vere-to.
2 Tsy no’ i dagolay ty faharendrehañe,
fa ty mampiboake ty heve’e avao.
3 Ie pok’eo ty tsivokatse,
mipotìtse eo ka ty teratera,
vaho indrezan-kasalarañe ty inje.
4 Rano laleke ty fisaontsim-palie’ ondaty, torahañe mibobobobo
ty figoangoañan-kihitse.
5 Tsy mahasoa te osiheñe ty raty,
hikihoañe ty vañoñe an-jaka.
6 Mikaidraha o soñi’ i dagolao,
naho mikai-tampify ty vava’e.
7 Fiantoa’ i seretsey ty vava’e,
vaho mpamandrike ty fiai’e o soñi’eo.
8 Kenoke mafiry
ty fivolam-pitolom-boetse,
migodoñe mb’añ’ova’ ondaty ao.
9 Rahalahi’ ty mpijoy,
ty mpilesa am-pitoloña’e.
10 Fitalakesañ’abo fatratse
ty tahina’ IEHOVÀ,
milay mb’ama’e ao ty vantañe
vaho onjoneñe tsy takatse.
11 Rova fatratse ty varam-pañaleale,
naho hoe kijoly abo añ’ereñere’e ao.
12 Aolo’ ty ikorovoha’ ondaty
ty fiebotseboran-tro’e,
fe miaolo’ ty hasiñe ty firehañe.
13 Ie manoiñe aolo’ t’ie mitsanoñe:
le hagegea’e naho hasalara’e.
14 Mahafeake hasilofañe ty tro’ ondaty,
fa ia ka ty mahaleo ty fikoretan’ arofo.
15 Mitoha hilala ty tro’ i mahatsikarake,
vaho mañotsohotso hihitse

an-dravembia’e ty mahilala.
16 Anokafan-dalañe
ty ravoravo’ ondaty,
manese aze hiatreke ty bey.
17 Heveren-ko to ty mitalily valoha’e,
ampara’ te pok’eo ty mañody aze.
18 Abala’ ty tora-tsato-piso
ty fifandierañe,
ie mampivike ty mpifanjomotse.
19 Mora ty mandreketse rova fatratse,
ta ty rañetse torifike,
vaho hoe tsotso-bim-pitilik’abo
ty fifanjomorañe.
20 Ty havokaram-palie’ ondaty
ro mahaenem-pisafoa,
o vokam-pivimbi’eo ro maha-anjañe.
21 Manandily ami’ ty haveloñe naho ami’ty havilasy ty fameleke,
hikama amo vokare’eo ze mikoko aze.
22 Mahaonin-kasoa ty tendreke valy,
vaho isohe’ Iehovà.
23 Mihalaly tretrè ty rarake,
fe sotrafe’ ty mpitsikafo.
24 Mianto t’indaty lako rañetse,
fe ao ty ate-hena mipiteke soa
te ami’ty rahalahy.

# 19

1 Ambone’ ty dagola
aman-tsoñy mengoke,
ty rarake mañavelo an-kahiti’e.
2 Tsy mahasoa ty fiaiñe
te tsy aman-kilala,
mandilatse ty malisa am-pandia.
3 Mampianto ty lia’e ty hanè’ ondaty,
ie mitrevok’ Iehovà an-tro’e.
4 Mpanovon-drañetse o varao,
fe pitso-drañetse t’ie rarake.
5 Tsy ho po-lafa ty mpitalily vilañe,
vaho tsy himolaotse ty mavande.
6 Amam-pandomboke maro ty matarike,
kila mifandrañetse ami’ty mpanolo-ravoravo.
7 Falai’ o rahalahi’e iabio ty rarake—
sandrake t’ie farien-drañe’e!
Heañe’e fe tsy eo.
8 Mpikoko ty tro’e ze mitoha hihitse,
ho tendreke hasoa ty mpangazon-kilala.
9 Tsy ho po-lilo ty mpanao kitomboke,
le hihomake ty mpandañitse.
10 Tsy mañeva ty seretse
ty miaiñ’ añoleñañe,
naho ty ondevo

ty hifehe ana-donake.
11 Mampalaon-kaviñerañe
ty fitsikaraha’ ondatio,
vaho enge’e ty miheve fiolàñe.
12 Manahake ty fitreñan-diona
ty haviñeram-panjaka,
fe hoe mìka añ’ahetse eo ty fañisoha’e.
13 Fianto aman-drae’e ty ajaja votro,
vaho fitsopatsopahañe nainai’e
ty fitreontreon-drakemba.
14 Lovaeñe aman-droae ty vara
naho anjomba,
fe boak’am’ Iehovà ty valy hendre.
15 Mampilañak’ an-droro ty havotroañe,
vaho ho silofen-kerè ty tro’ i tembo.
16 Mahatam-piay ty mahatan-dily,
fe hihomake ty mitsidaredare
ami’ty lia’e.
17 Mampisongo am’ Iehovà
ty mitretre i rarake,
le ho tambeze’e i fatariha’ey.
18 Lilovo o ana’o, kanao mb’e
amam-pitamàñe;
fe ko ilosoran-dafa.
19 Tsy mete tsy liloveñe ty midabadoa;
f’ie haha’o, tsy mahay tsy indrai’o.
20 Mijanjiña fanoroañe,
le miantofa endake,
vaho hahihitse rehe am-para’e.
21 Maro ty safirin-tro’ ondaty,
fe hijadoñe ty famerea’ Iehovà.
22 Ty paiañe ama’ondaty le ty fiferenaiña’e;
Hàmake t’ie rarake ta te remborake.
23 Minday mb’an-kaveloñe
ty fañeveñañe am’ Iehovà;
hiaiñ’añoleñan-dre, tsy ho zoem-boiñe.
24 Alipo’ ty votro am-pinga ao ty taña’e,
fe tsy ahere’e mb’am-bava.
25 Lafao ty mpiteratera,
hianara’ ty seretse fañahy,
fe endaho ty maharendreke,
hitovoñañe ty hilala’e.
26 Ty mampianto rae,
naho ty manao soike aman-drene,
le anadahy manalatse naho mahameñatse.
27 Mijihera tsy hañaoñ’ endake, anake,
le handifihe’o ty tsaran-kilala.
28 Maneratera ty hatò ty mpitalily votro,
vaho lifo-karatiañe ty vava’ o lo-tserekeo.
29 Ampihentseñen-dilo ty mpandrabioñe

naho lafa ty lambosin-dagola.

# 20

1 Mpamerevere ty divay,
mpañotakotake ty toake,
vaho tsy mahihitse i nampivìhe'ey.
2 Ty fampangebaheban-kaviñera'
i mpanjakaiy,
le manahake ty firohafan-diona;
mamoe aiñe ty mitrabik' aze hiboseha'e.
3 Havañona' ondaty te miholiatse
añ-ali-drokoñe,
fe manjehatse avao o dagolao.
4 Tsy mitrabak' asotry ty tembo;
ie famara-manta,
mangatake tsy mahazo.
5 Rano laleke ty fisafirian' arofo' ondaty,
fe mampiboak' aze ty mahihitse.
6 Maro ty mihaboke ho mpiferenaiñe,
fa ia ty mahatendreke ondaty migahiñe.
7 Mañavelo an-kahiti'e ty vantañe;
haha o ana'e manonjohy azeo!
8 Tsongàe' ty mpanjaka
miambesatse an-jaka ao am-pihaino'e
ze atao haratiañe iaby.
9 Ia ty mahafisaontsy ty hoe:
Fa nampikanitsoheko ty troko;
vaho malio tahin-draho?
10 Songa tiva am' IEHOVÀ
ty vato-pandanja vìlañe
naho ty kapoake vàlañe.
11 O sata'eo ro andrendrehañe i zatovo,
hera mikasokàsoke naho to i fitoloña'ey.
12 Ty ravembia mahajanjiñe,
naho ty fihaino mahaoniñe,
songa namboare' IEHOVÀ.
13 Ko manao hatea rotse,
tsy mone ho rarake;
Avotiriho o fihaino'oo
le ho eneñe mahakama.
14 Raty, raty, hoe ty mpivily;
ie mienga le isengea'e.
15 Eo ty volamena
naho ty vatosoa tsifotofoto;
fe safira ty fivimby nahatendreke hilala.
16 Rambeso ty saro' ty nitsoak' ambahiny, tambozoro ho antoke t'ie tsy fohiñe.
17 Mamy ty mofo niazo t'ie namañahy,
fa ho atseke faseñe aniany ty vava'e.
18 Tolo-kevetse ro mahajadoñe safiry,
Mañolots' añ'aly ty fanoroan-kihitse.
19 Mampiborake tangogo

ty mpikanifoke mitsatsà;
aa le ko mirekets'ami'ty mpangaradadake.
20 Ze mamatse rae naho rene,
hikipeke an-kaieñe ao ty failo'e.
21 Ty lova tinaentaeñe am-baloha'e,
tsy ho tahieñe am-para'e.
22 Ko manao ty hoe: Ho valeko i ratiy; mahaliñisa IEHOVÀ,
Ie ty handrombak' azo.
23 Tiva am' IEHOVÀ ty vato-lanja tsy mira; vaho tsy vokatse o fandanjàñe vìlañeo.
24 Alaha' IEHOVÀ o lia' ondatio; aia arè ty haharendreha' ondaty i lala'ey?
25 Fandrike ty ikofofoaha' t'indaty,
ty hoe: Masiñe! ie añe i fantay
vaho añontanea'e.
26 Manònga o lo-tserekeo
ty mpanjaka mahihitse;
le ampivarimbariñe'e ama'e ty larò.
27 Failo' IEHOVÀ ty arofo' ondaty,
Fonga karaofe'e o añova'eo.
28 Mahafijadoñe ty fiferenaiñañe
naho ty hatò i mpanjakay;
tohaña'e am-patarihañe i fiambesa'ey.
29 Enge' o ajalahio o haozara' iareoo;
maroi-foty ty volonahe' o androanavio.
30 Mamaopao-karatiañe
ty fofoke mamonotroboke,
naho mañalio o añova'eo ty lafa.

# 21

1 Hoe kadahan-drano am-pità' IEHOVÀ
ty arofo' i mpanjakay; tehafe'e an-tsatri'e.
2 Mahity am-pihaino' ondaty o sata'eo;
fe Mpandanja arofo t'IEHOVÀ.
3 No' IEHOVÀ ambone' ty soroñe
ty havañonañe naho ty hatò.
4 Fihaino mievoñevoñe
naho arofo miebotse:
ro failo' o lo-tserekeo—hakeo zay.
5 Minday havokarañe ty fisafiri'
o mavitrikeo;
fe mitarike mb'am-pilàñe
ty fanaentàeñañe.
6 Ty ahazoam-bara am-pamelem-pandañitse
le evoñe mihelañe mb'am-pikoromahañe.
7 Ho kozozoteñe añe o lo-tserekeo
ty amo fijoia'eo,
fa ifoneña' iareo ty tsy hanao ty hiti'e.
8 Mikelokeloke ty lala' ondaty mengoke;
fe mahity ty fitoloña' ty malio añ'arofo.
9 Hàmake te mitoboke
an-kotson-tapenak' ao,
ta te miharo akiba aman-drakemba

tea-trabike.
10 Mipay haratiañe ty tro' i tsivokatsey,
fa tsy mahaonin-tretrè
am-pihaino'e ty rañe'e.
11 Ie lafañe ty mpañìnje,
mihamahihitse t'ie trentrañe,
ie anareñe ty mahihitse,
mitombo ty hilala'e.
12 Misamba ty akiba' i lo-tserekey
ty vantañe;
avari'e mb'am-piantoañe i tsivokatsey.
13 I manjenjen-dravembia
ami'ty fitoreo' o rarakeo,
ty mbe hikaike fe tsy ho toiñeñe.
14 Fañanintsin-kaviñerañe
ty ravoravo añ'etake,
naho filoa-tiñake ty vokàñe añ'araña ao.
15 Ie anoeñe ty hatò, ehake o vañoñeo,
fe mangebahebake o mpikitroke haratiañeo.
16 Hitofa am-pivorian-dolo ao t'indaty mandrike amy lalan-kilalay.
17 H'ondaty poi'e ty mpitea haravoañe;
tsy ho mpañaleale ty mpikoko divay
naho menake.
18 Vilin'ai' ty vantañe ty tsivokatse,
le tsoa' ty vañoñe ty mpamañahy.
19 Hàmake t'ie mimoneñe
an-dratraratra añe,
ta t'ie miharo aman-drakemba
mandietse naho mora boseke.
20 Mihaja añ'anjomba' o mahihitseo
ty vara sarotse naho ty menake;
fe abotse' ty dagola o azeo.
21 Manjo haveloñe naho havañonañe
vaho hasiñe
ty mitoha havantañañe naho fiferenaiñañe.
22 Mitroatse an-drovam-panalolahy
ty mahihitse, vaho arotsa'e
ty hafatrarañe niatoa'e.
23 Mitan-ty fiai'e tsy ho am-poheke
ty mahambeñe falie naho fameleke.
24 Manivetive ty añara'e avao ty mpirohake naho mpievoñevoñe ;
ie mitoloñe am-pitrotroaboha'e.
25 Mañe-doza amy tembo ty fañiria'e,
amy te tsy mete mitoloñe o taña'eo.
26 Hadrao lomoñandro ty lahiaga,
fe matarike ty vantañe, tsy mangazoñe.
27 Tiva ty fisoroña' o tsivokatseo;
àntsake te engae'e miharo kinia.
28 Hikenkañe ty mpitalily vìlañe,
fe mitolom-pitaroñe ty mañaoñe.
29 Manao tarehe mahavany ty rati-tsereke,

fe itsakorea’ ty vantañe ty hombà’e.
30 Tsy eo ty hihitse,
ndra ty faharendrehañe,
ndra ty safiry mahafiatreatre am’IEHOVÀ.
31 Hentseñeñe ho ami’ty androm-pihotakotahañe ty soavala,
fe a IEHOVÀ ty fandrebahañe.

## 22

1 Paiaeñe mandikoatse ty vara jabajaba
ty añarañe soa,
vaho ambone’ ty volafoty
naho ty volamena ty fañisohañe.
2 Ty ihambaña’ ty mpañefoefo
naho ty rarake:
songa sata’ IEHOVÀ Andrianamboatse.
3 Mizò hankañe ty maharendreke
vaho mipalitse,
fe misorok’ avao ty seretse
vaho liloveñe.
4 Ty tambem-piambaneañe
naho ty fañeveñañe am’ IEHOVÀ,
ro vara naho hasiñe vaho haveloñe.
5 An-dala’ ty mengoke
ty fatike naho ty fandrike;
ihankaña’ ty mahambem-piaiñe.
6 Anaro ty ajaja ty lala’ homba’e,
le tsy handriha’e te bey.
7 Fehè’ ty mpañaleale ty rarake,
ondevo’ ty mampisongo ty mpisongo.
8 Handrofotse haemberañe
ty mitongy hatsivokarañe,
vaho hipoke ty kobain-kaboseha’e.
9 Soa tata ty matarike,
amy te andiva’e mahakama ty rarake.
10 Soiho añe o mpañìnjeo,
le hibioñe ty mah’ankoheke;
hijihetse ka ty sotasota naho inje.
11 Rañe’ ty mpanjàka
ty mpikoko arofo-malio
vaho rei-tave ty saontsi’e.
12 Mihaja hilala o fihaino’ IEHOVÀo,
fe havalintsingora’e
ty fivola’ o mpamañahio.
13 Hoe ty votro: Liona ty alafe ao!
havetra’e an-dalañe ey raho.
14 Kadaha laleke ty vava’ i tsimirirañey;
mihotrak’ ao ze iviñera’ IEHOVÀ.
15 Mifehefehe an-tro’ ty ajalahy ao
ty hagegeañe,
f’ie anoe’ ty kobaim-pandilovañe soike.
16 Songa mahararake ty famorekekeañe

o rarakeo hanontonan-teña,
naho ty fanolorañe ami’ty mpañaleale.
17 Atokilaño ty ravembia’o
naho janjiño ty fitaro’ o mahihitseo;
vaho itsakoreo o fañòhakoo,
18 Toe mahasoa azo te hampireketa’o,
soa t’ie ho veka’e am-pivimbi’o.
19 Soa te hatokisa’o t’IEHOVÀ,
ty nampaharendrehako azo anindroany,
eka ihe ‘nio!
20 Tsy fa nanokirako famereañe
naho fampandrendrehañe telopolo?
21 hampalangesañe ama’o ty hiti’e
naho ty hatò,
hahatoiña’o an-katò ty nañirak’azo.
22 Ko kamere’o o rarakeo amy te poie,
ko demohe’o an-dalambey eo
ty mpisotry;
23 fa mihalaly ho a iareo t’IEHOVÀ;
vaho ho tavane’e ty fiai’
ze mitavañe am’iereo.
24 Ko mirañetse amo mandoviakeo,
vaho ko mirekets’amy t’indaty miforoforo.
25 kera ho zatse o sata’eo,
vaho hifehefehe am-pandrik’ ao ty fiai’o.
26 Ko mpiamo mpanò-tañañe
ndra miantoke mpisongoo.
27 Naho tsy ama’o ty hañavaha’o aze,
akore te hasinto’e i tihy ambane’oy?
28 Ko avi’o ty vorovoro haehae
najadon-droae’oo,
29 Mahaoniñe ondaty mavitrike
am-pitoloña’e hao rehe?
ho mpitorom-panjàka re,
tsy hijohañe aolo’ o tsotrao.

## 23

1 Ie miambesatse hitrao-pikama
ami’ty mpifehe,
biribirio ty añatrefa’o eo,
2 vaho tohoro meso ty tretra’o
naho mpanao avetse rehe.
3 Ko lelalelae’o o raha mafiri’eo,
fa mahakama mahatsikapy.
4 Ko mamokotse vatañe ho mpañaleale,
ijihero am-pisafiri’o.
5 Ampihelañe’o fihaino hao ty tsy eo?
fa toe mitsene elatse
manahake ty vantio ty vara
mitiliñe mb’an-dindiñe eñe.
6 Ko kamae’o ty hàne’ o matitio,

ko irie’o o aze mafirio;
7 Fa hambañe ami’ty fañereñere’e
añ’ova’e ao ty ie: hoe re ama’o;
Mikamà naho minoma!
fe tsy ama’o ty tro’e.
8 Hilañe’o i pilipito’e nitsopehe’oy,
vaho hianto i fañandriaña’oy.
9 Ko misaontsy am-pitsanoña’ ty seretse,
fa ho sirikae’e ty hihi’ o enta’oo.
10 Ko avi’o ty nifaritsohañe haehae,
vaho ko miaribañe ty tanem-bode-rae,
11 amy te maozatse ty mpijeba’ iareo;
hitohaña’e ty ama’o.
12 Ampiantofo filie-batañe ty arofo’o,
vaho volan-kilàla o ravembia’oo.
13 Ko ahànkañe ami’ty ana’o ty lilo;
fa tsy mahavetrake ty lafan-kobaiñe.
14 Ie pisoe’o an-kobaiñe,
ho haha’o an tsikeokeok’ ao ty tro’e.
15 O anako, naho mahihitse ty tro’o,
ho ehake ty troko,
16 vaho hirebeke ty añ’ovako ao
naho mahafivolañe ty hiti’e o soñi’oo.
17 Ko apo’o ho tsikirihen-tro’o
ty mpandilatse,
fe imaneo lomoñandro
ty fañeveñañe am’ Iehovà.
18 Toe ey ty ho avy,
vaho tsy haitoañe ty fisalalà’o.
19 O anako, mitsanoña naho mahihira,
vaho avantaño mb’amy lalañey ty tro’o.
20 Ko mitraok’ amo
mpitolom-pitrini-divaio,
ndra amo mpamotseke henao;
21 fa songa hivarin-ko rarake
ty mahake naho i jike;
vaho hisikin-tsirodea ty poie.
22 Tsendreño ty rae nisamak’ azo,
vaho ko injè’o ty rene’o t’ie bey.
23 Vilio ty hatò le ko aletake;
ikalò hihitse naho anatse vaho hilala.
24 Handia taroba ty rae’ i mahitiy;
vaho hifalea’e i ana-dahy karafito nampiareñe’ey.
25 Ampiehafo ty rae’o naho i rene’o;
hampinembanembañ’ i nisamak’ azoy.
26 O anake, atoloro ahiko ty tro’o,
le ampifaleo amo satakoo o maso’oo.
27 Kadaha laleke ty tsimirirañe,
vaho vovoñe maifitse ty karapilo.
28 Mivoñoñe ao re hoe malaso,
vaho ampitomboe’e am’ondatio

ty hatsivokarañe.
29 Ia ty mioremèñe, ia ty mihontoke?
Ia ty ampoheke? Ia ty mitoreo?
Ia ty vinonotroboke tsy amam-poto'e;
Ia ty ama-maso mandofiry?
30 O mihenekeneke an-divaio,
o mitolom-pitsopeke divay linaroo.
31 Ko hentea'o ty hamena' ty divay,
ty fimilomilo'e am-pitovy ao,
ty falamam-pioriha'e.
32 Ie am-para'e mitifatse hoe lapetake
vaho mihehetse hoe fandrefeala.
33 Hahaoniñe sahàtse o maso'oo,
vaho hivolan-kamengohañe
ty ron-doha'o.
34 Le hanahake ty mitsalalampatse
aivo' i riakey rehe,
naho ty mandre ambone'
ty bodan-dain-dakañe eo.
35 Namofok' ahy iereo,
fe tsy manaintaiñe;
linafa'e fe tsy nireiko!
Ombia te ho tsekake hipaiako indraike?

# 24

1 Ko kirañe'o o lo-tserekeo,
ko mañiry ho mpiam' iareo.
2 Fa mikitroke hapiaroteñe
ty ron-doha'iareo,
vaho mivolan-tsiroe-tafatoe o soñi'eo.
3 Hihitse ty mahafonitse anjomba,
vaho hilàla ty añorizañe aze;
4 Fahafohinañe ty mahapea o efe'eo
amy ze hene vara soa naho mahafale.
5 Maozatse t'indaty mahihitse,
manovon-kafatrarañe ty mahilala;
6 amy te fiaoloañe mahihitse
ty ifanehafa'o amo ali'oo,
vaho minday fandrebahañe
ty hamarom-piaolo.
7 Loho ambone' i seretsey ty hihitse;
ie tsy manoka-palie an-dalam-bey eo.
8 Hatao mpikitro-draha
ty mikilily hanao raty.
9 Hakeo ty mikitro-kagegeañe,
vaho tiva am'ondatio ty mpañinje.
10 Vata'e tsy an-kaozaran-drehe t'ie mitoirañe añ'andron-kaemberañe.
11 Hahao o kozozotem-
bam-pandentañe mb'eoo,
ie midaliendalieñe
mb'am-panjamanañe mb'eo,

Ehe, kalaño!
12 Aa naho manao ty hoe rehe,
Inao! tsy napota’ay ‘nio!—
Tsy mahatsikarake zay hao
i Mpandanja arofoy?
tsy arofoana’ i Mpañambem-piai’oy hao?
Tsy havaha’e am’ondatio hao o sata’eo?
13 O anako, mihinana tantele, amy te soa,
eka, mamy an-dañilañy ao
ty tantele boak’ am-papi’ey.
14 Maharendreha te zay ty hihitse
ami’ty fiai’o; ie trea’o
le ho tendrek’ ama’o ty ho avi’o,
vaho tsy haitoañe ty fisalalà’o.
15 Ko vandroñe’o, ty tsereheñe tia,
ty anjomba’ i vañoñey;
ko joie’o ty akiba imoneña’e;
16 fa mikorovoke im-pito ty vantañe,
le mbe mitroatse avao;
fe mivembeñe añ’andron-kankàñe
o lo-tserekeo.
17 Ko irebeha’o ty fihotraha’ o rafelahi’oo,
vaho ko ado’o hifalea’ ty tro’o
i fitsikapia’ey.
18 fa ho vazoho’ IEHOVÀ
naho ho alihe’e
vaho havì’e tsy ho ama’e i haviñera’ey.
19 Ko angovita’o o tsivokatseo,
le ko itsikiriha’o o lo-tserekeo;
20 fa tsy aman-ko tamae’e ty tsereheñe;
le hakipe ty failo’ i borololoy.
21 O anake, mañeveña
am’ IEHOVÀ naho amy mpanjakay,
le ko mitraok’ amo mpiolao,
22 fa hivovoa’ ty feh’ ohatse,
vaho ia ty hahafohiñe
ty fifetsaham-piantoañe
hanoe’ i roroey?
23 Manoly o tsara retoañe ka
o mahihitseo:
Tsy mete an-jaka ao ty firihiañe.
24 Ze manao ty hoe amo aman-kakeoo:
‘Vantan-drehe,’ ro honjira’ i màroy;
vaho ho heje’ o fifeheañeo;
25 fe ho ehake o mahafañendakeo
vaho ho soa tata.
26 Orofeñe o fivimby mahatoiñe
an-kahiti’eo.
27 Henefo heike ty fitromaha’o alafe’e ao
naho halahalao o tete’oo,
vaho ranjio amy zao ty akiba’o.
28 Ko sesehe’o, tsy amam-poto’e t’indaty;

vaho ko mamañahy am-pivimby.
29 Ko manao ty hoe:
Hanoako hambañe amy nanoa’e ahikoy;
sindre havahako ty amy sata’ey.
30 Niozàko ty tete’ i tembo,
niariako ty tanem-balobo’ i seretse;
31 hehe t’ie nioboñobom-patike;
nilafihan-kisatse i taney,
vaho narobake ty kijolim-bato’e.
32 Ie nitreako le naereñereko,
nenteako vaho nitendrek’ anatse.
33 Firotse kede, mandre betebeteke,
mañohom-pitañe hiroro,
34 le hikovovoke mb’ama’o ty hararahañe,
vaho hoe lahin-defoñe ty hapoia’o.

## 25

1 Tovo’ ty razan-tsaontsi’
i Selomò iretiañe,
o nitsikombean-droandria’
i Kez’kia, mpanjaka’ Iehodao.
2 Engen’Añahare ty mampikafi-draha,
naho volonahe’ o mpanjakao
ty mañotsohotso.
3 Ty haabo’ i likerañey,
ty halale’ ty tane toy,
zay ty hasaro-pitsikarahañe
ty arofom-panjaka.
4 Afaho amo volafotio ty taim-pira’e,
le ho amam-panefea’e finga ty mpanefe;
5 asitaho añatrefa’ i mpanjakay
o tsereheñeo,
le hijadoñe an-kavantañañe
ty fiambesa’e.
6 Ko mañonjom-bata
añatrefa’ i mpanjakay,
ndra mijohañe an-toe’ o aman-kasiñeo;
7 Hàmake te anoeñe ama’o ty hoe:
Miheova mb’aolo atoa,
ta t’ie hareke añatrefa’ o roandriañe
niisam-pihaino’oo,
8 ko malisa hanese sisy;
fa inoñe ty hanoe’o ampara’e,
t’ie ampisalara’ indatiy?
9 Mifandahara hey am’indatiy
le ko borahe’o ty tsikenta’ ondaty;
10 tsy mone hinje’e te mahajanjiñe,
vaho tsy ho modo ty halolo-lahi’o.
11 Hoe raketa volamena
niravaheñe volafoty
ty saontsy soa mañeva.
12 Hoe bange volamena naho

ravake volamena ki'e,
ty endake an-kihitse
an-dravembia mahafijanjiñe.
13 Hambañe ami'ty hanintsim-panala
am-bolam-binta
ty ìrake lili-po amo mpañirak' azeo;
ie ampanintsiñe'e ty arofo' o talè'eo.
14 Hoe rahoñe miharo tioke
tsy amañ'orañe
ty misenge ravoravo tsy atolo'e.
15 Mete handreketse ty mpifehe
ty fahaliñisañe,
naho mahafipoza-taolañe
ty fisaontsy malea.
16 Ihe tendreke tantele,
mikama ze mahaeneñe,
kera habodàja'o te mitipak' eratse.
17 Soa re te tsy siak' añ'akiban-drañe'o ao o fandia'oo,
tsy mone ho etsak' azo, vaho ho heje'e.
18 Hoe kobaiñe, naho fibara,
vaho ana-pale masioñe
ty manara-bande ama' ondaty.
19 Hoe nife folake ndra fandia mikoletra
ty fiatoañe ami'ty mpamañahy
an-tsam-poheke.
20 Hoe mañafa-tsaroñe
añ'andro manintsy,
ndra ty vinegra nalaro sokay
ty mibeko ami'ty milendèñe.
21 Ie saliko ty rafelahi'o,
anjotso mahakama;
ie taliñiereñe, fahano rano;
22 zay ty hamotria'o foroha mirekake
añ'ambone'e eo,
vaho hanambe azo t'Iehovà.
23 Minday orañe ty tiok' avaratse,
naho minday laharañe miloroloro
ty lela manao tsikony.
24 Hàmake himoneñe
añ'ilan-tampenak' ao,
ta te añ'anjomba mitraoke
aman-drakemba mpitrabike.
25 Hoe rano manintsy
ami'ty maran-drano,
ty talily soa boak'an-tsietoitàne añe.
26 Hoe rano manganahana
nileoren-ditsake,
naho vovoñe nitivaeñe,
ty vantañe miheve ty lo-tsereke.
27 Tsy mahasoa te mikama tantele maro,
vaho tsy enge'o t'ie mandrenge vatañe.
28 Hoe ty fiboroboñafañe an-drova

tsy aman-kijoly,
t’indaty tsy maha-lie-batañe

## 26

1 Hoe fanala añ’asara,
ndra orañe an-tsam-pitatahañe,
ty tsy fañevà’ i dagolay fiasiañe.
2 Hoe ty fikepakepaha’ ty hitikitike
naho ty fitiliñam-polinjà,
ty tsy ipetaham-patse
te tsy amam-bente’e.
3 Ty fikiso ho ami’ty soavala,
naho ty laboridy ho ami’ty borìke,
vaho ty kobaiñe ho an-dambosi’ i dagola.
4 Ko toiñe’o ami’ty hanè’e i seretse,
hera hanahak’ aze.
5 Valeo mañeva’ i hagegea’ey ty dagola,
tsy mone hahihitse ami’ty maso’e.
6 Hoe mañitsike tomboke
naho migenoke voreke,
ty mampisangitrike taratasy
am-pitàn-dagola.
7 Maletraletra ty fandia’ i kepeke,
naho ty razan-drehak’ am-bava’
o seretseo.
8 Hoe mañombe vato am-piletse,
ty miasy i gegegege.
9 Hoe fatike mipok’ an-taña’ i jike,
ty razan-drehak’ am-bava’ i dagola.
10 Ie mampitoloñe ty seretse,
le manahake te mañeke mpandrioñe.
11 Hoe amboa mimpoly ami’ty loa’e,
ty dagola mamereñe ty hagegea’e.
12 Tsy fa nahaisake ondaty mahihitse
am-pihaino’e hao rehe?
bey ty fitamà’ i seretsey ta ty aze.
13 Hoe ty votro,
Inao liona ty an-damoke eo!
Midada an-dalañe ey ty liona!
14 Manahake ty figavingavin-dalañe
amo soavili’eo,
ty tembo am-pandrea’e eo.
15 Ajo’ i votro am-po finga ao ty taña’e,
fe tsy lefe’e ty minday aze mb’am-bava’e.
16 Mahihitse ami’ty maso’e ty tembo,
te ami’ty fito-lahy manoiñe
an-kavantañañe.
17 Hambañ’ ami’ty mitsepak’ amboa an-tsofi’e,
ty mpandrioñe mihilintsioñe
ami’ty aly tsy aze.
18 Hoe ty derendereñe mañiririñe

raha mibelañe, naho ana-pale,
vaho fampihomahañe,
19 ty mamitake ondaty ami'ty hoe:
Nisolesole avao raho.
20 Mate ty afo tsy aman-katae,
modo ka ty dabasida tsy aman-tsikotsiko.
21 Hoe sarebò ami'ty foroha mirekake,
naho hatae ami'ty afo,
ty famiaña' i mpanao tsikoniy
hañolaña'e aiñe.
22 Hoe kenoke mafiry
ty fivolam-pitàngogo,
ie migodoñe mb'añ'ova lalek' ao.
23 Hoe valàñe-tane nihamineñe
taim-piram-bolafoty
ty fameleke ampirehetan-
kelok' an-troke ao.
24 Añonohonoa' ty famele'e i falaiña'ey,
fe añaja'e famañahiañe ty an-tro'e ao.
25 Ndra t'ie mirehake fañisohañe,
ko iantofa'o,
fa pea tiva fito ty an-tro'e ao.
26 Aeta'e am-pitake ty halò-tsere'e,
fe hiboak' am-pivory ao ty haloloa'e.
27 Higodoñe an-koboñe ao ty nihaly aze,
himpoly ama'e ty vato navarimbari'e.
28 Heje ty famele' i remborake o jinoi'eo,
mampianto ka ty falie manao kabeake.

## 27

1 Ko irengevoha'o ty hamaray,
fa tsy fohi'o ze mete haboa' ty andro.
2 Angao ho tsiririe' ty ila'e
fa tsy ty falie'o,
ty alik'ama'o fa tsy o fivimbi'oo.
3 Mavesatse ty vato; midogìñe ty faseñe,
fe mavesatse te am'iereo
ty haembera' i dagola.
4 Toe masiake ty habosehañe,
sorotombake ty loa-tiñake,
fa ia ka ty mahafiatreke ty famarahiañe.
5 Hàmake ty endak' am-batraike,
ta ty hatea mietake.
6 Vente'e ty fikobokoboan-drañetse,
ta ty oroke maro' i rafelahiy.
7 Malay tantele ty ànjañe,
fe mamy ami'ty saliko ze atao mafaitse.
8 Hoe foly mandifik' ami'ty traño'e,
t'indaty mandridrike ami'ty akiba'e.
9 Mampinembanembañ' arofo
ty rano mañitse naho ty rame,

vaho mahasaro-tron-drañetse
ty famerea’ondaty.
10 Ko aforintse’o ty rañe’o
naho ty rañen-drae’o,
vaho ko mamonje ty anjomban-drahalahi’o
naho mivovò ama’o ty hankàñe;
kitra’e ty mpitrao-tanàñe marine eo,
ta ty rahalahy añe.
11 Mahihira rehe anake,
naho ampiehafo ty troko,
hahavaleako ze mitombok’ ahy.
12 Mahaonin-kankàñe ty mahilala
le miampitse,
fe misibeke mb’eo ty forom-po,
vaho mijale.
13 Rambeso ty sarimbo’ i
nitsoake ambahiniy,
le ifihino ho antoke ty amy ampela tsy fohiñey.
14 Ty mitata rañetse am-pazake
te terak’ andro,
hatao ho fatse ama’e.
15 Hambañe ami’ty fitsopatsopan’
andro avy,
ty rakemba mitribahatse;
16 hamejan-tioke t’ie hamejañ’aze,
hoe mamihiñe menak’ am-pitàn-kavana.
17 Maniom-by ty vy,
vaho andrañita’ ondaty ty vintan-drañe’e.
18 Hikama ty voa’e
ty mañalahala sakoañe,
vaho hasiñeñe ty miatrake i talè’ey.
19 Manahake ty tarehen-drano hetsoroen-daharañe,
ty hetsoroen’ arofo’ ondaty t’ondaty.
20 Tsimbia tsy etsake ty tsikeokeoke
naho ty hankàñe,
le liae tsy eneñe ty fihaino’ ondaty.
21 Am-patañe ty volafoty
vaho an-toñake ty volamena,
fitsoehañe ondaty ty engeñe atolots’aze.
22 Ndra te demoheñe amañ’ana-deo
an-deoñe mitraoke tsako lisaneñe
ty dagola,
mbe tsy hisitak’ ama’e ty hanè’e.
23 Rendreho soa o hare’oo,
vaho dareo o lia-rai’oo,
24 fa tsy nainai’e ty vara,
naho tsy ho añ’afe’afe’e
ty sabakam-bolonahetse.
25 Ie fa tinatake i ahetsey,
naho mitiry o tiritiri’eo,
vaho natontoñe ty ahetse am-bohitse ey;

26 ho siki’o o anak-añondrio,
vaho ho vilin-teteke o ose-lahio;
27 mahaeneñe ty fikama’o i rononon’ osey,
naho ho hane’ o keleia’oo,
vaho ho famahanañe o anak-ampata’oo.

# 28

1 Mibotatsake ty tsivokatse,
ndra te tsy horidañeñe,
fe mahafiato hoe liona tora’e
o vañoñeo.
2 Kanao miola ty tane, maro ty mpifele’e
fe mahatam-pahendre’e
t’indaty mahilala naho maharendreke,
3 T’indaty rarake mamorekeke ty poi’e,
le hoe oram-bey tsy manisa hane.
4 Tsiririe’ o tsereheñeo ty mifary Hàke,
f’ie atreatrè’ ty mahatàn-Kake.
5 Tsy apota’ o ratio ty hatò,
f’ie kila fohi’ ty mitsoeke Iehovà.
6 Hàmake te rarake
mañavelo an-kavantañañe,
ta te mpañefoefo mengok’ an-tsata.
7 Mahatan-Kàke ty anake mahihitse,
fe manalatse an-drae’e
ty mirañetse amy mahake.
8 Ty mampitombo vara ami’ty fañonjona’e ty anam-bola angala’e
ro manontoñe aze
ho ami’ty miferenaiñe amo rarakeo.
9 I mitan-tsofy tsy hitsanoña’e Hake,
tiva ka ty fisolohoa’e*.
10 Hijoñe an-davake hinali’e ao avao
ty mampandifike o vantañeo
mb’an-dalan-karatiam-beo,
fe ho soa lova o vañoñeo.
11 Mahihitse am-pihaino’e ty mpañaleale,
fe mahatsikarak’ aze ty rarake mahilala.
12 Ipoñafen-drebeke te mandreketse ty vañoñe,
fe mikafikafitse ondatio
naho miongake ty lo-tsereke.
13 Tsy hiraorao ty mañetake ty fiolà’e,
fe ho tretrèzeñe ty misoloho
naho mifoneñe.
14 Haha t’indaty mitampompotse,
fa hihotrak’ an-karatiañe
ty gañe añ’arofo.
15 Manahake ty fitrè’ i lionay
naho i dobe mihitrihitry,
ty mpifehe lo-tserek’ am’ondaty rarakeo.
16 Po-hilala ty mpifehe mamorekeke,
fe ho lava-havelo

* **28:9** Iob 15:29, Ies 59:1-2, Jao 9:31, Jn I 3:22

ty malaim-bara tsy mahity.
17 Hahitrike mb’an-koboñe ao
ty mivave lio-màliñe,
tsy eo ty hañimb’aze.
18 Ho rombaheñe
ty mañavelo an-kalio-tahiñe,
fe hikorovoke aniany
ty mañorike lala-mengoke.
19 Ho enen-kaneñe ty miava ty tane’e,
fe hizò hararahañe
ty mpañeañe hakoahañe.
20 Ho soa tata t’indaty migahiñe,
fe tsy ho po-lafa ty mihepakepake
ho mpitsikafo.
21 Tsy soa ty mirihy,
naho mete hampandilatse ondaty
ty mofo pila’e.
22 Mpañeam-bara ty ama’ maso-migioke,
fe tsy rendre’e te hiambotraha’
ty hararahañe.
23 Hanjo fañisohañe am-para’e
ty mañendake ondaty,
mandikoatse ty mpanao kabeake
am-pameleke.
24 Ze mampikametse aman-drae’e
ndra aman-drene’e
vaho manao ty hoe: Tsy fiolàñe zay;
ro mpiami’ ty mpijoy.
25 Mpitrobo fitrabihañe ty mpitrotroaboke,
fe miraorao ze miato am’ Iehovà.
26 Minè ty miato aman-tro’e,
fe haha ty mañavelo an-kihitse.
27 Ho tampe-draha-irieñe
ty mamahañe o rarakeo,
fe hizò fatse maro ty mikipe maso.
28 Ie mitroatse o lo-tserekeo,
mietake ondatio;
fa ie mihomake,
le mihavelo o vañoñeo.

# 29

1 Haitoañe aniany, tsy amañ’aoly,
ty gan-katoke beteke endahañe.
2 Ie miraorao o vantañeo,
mirebeke ondatio,
fa ie mifehe ty lo-tsereke,
miñeoñeoñe ondatio.
3 Mahaehak’ an-drae
t’indaty mikoko hihitse,
fe mampianto vara
ty mpiaman-tsimirirañe.
4 Ampijadoña’ i mpanjakay an-katò

ty tane’e,
fe mihotrake t’ie mandrambe vokàñe.
5 Mandafike harato ho am-pandia’e eo
t’indaty mitsiriry rañetse.
6 Fiolàñe ty mamandrike i lo-tserekey,
fe misabo naho mirebeke ty mahity.
7 Haoñe’ ty vantañe ty zo’ o rarakeo,
fe tsy apota’ i lo-tserekey
i hilala zay.
8 Mamofotse ty rova,
ondaty mañivañivao,
fe mampivio-kabosehañe o mahihitseo.
9 Ie mifandietse ami’ty dagola
ty mahihitse,
le ifanampea’ ty filoroloroañe naho fanivetiveañe tsy mijihetse.
10 Heje’ o mpampiori-dioo ty vañoñe;
le i vantañey, paia’ iareo ty fiai’e.
11 Fonga abora’ i dagolay ty tro’e,
fe kalaña’ i mahihitsey
am-pianjiñañe ao ty aze.
12 Ie mañaom-bande ty mpifehe,
miha raty iaby o roandria’eo.
13 Ty fihambaña’ i rarakey
naho o mpamorekekeo:
IEHOVÀ ty mañazava
ty fihaino’ i roe rey.
14 Ie mizaka o rarakeo an-kahiti’e
ty mpanjaka,
le hijadoñe kitro añ’afe’e i fiambesa’ey.
15 Mpanolo-hihitse ty kobay
naho ty endake,
fe manalatse rene
ty anake manao tsidaredare.
16 Ie mionjoñe o tsivokatseo,
mitombo ty fiolàñe,
fe ho sambae’ i vañoñey
ty fifotsaha’ iareo.
17 Lilovo ty ana’o, le hampanintsiña’e,
vaho hampinembanembae’e ty arofo’o.
18 Ie po-aroñarom-pitokiañe,
le hahifi’ ondatio añe
ty filieram-batañe,
haha ka ze mahatan-Kàke.
19 Tsy mahafanoro ty ondevo
t’ie saontsieñe avao,
ndra te azo’e tsy haoñe’e.
20 Inao t’indaty taentaeneñe
am-pisaontsi’e,
bey fitamàñe ty dagola te ama’e.
21 I mañaonkaom-pitoroñe
boak’amy faha-ajaja’eiy,

ro hanjo aze mpandova am-para’e.
22 Mpitrobo fitribahañe ty boseke,
vaho lako fiolàñe ty mpidabadoa.
23 Mamotsake ondaty ty habohaboha’e,
fe asiñeñe ty mpireke añ’arofo.
24 Malaim-batañe ty mpireketse
ami’ty mpampikametse,
tsanoña’e i sisìy, f’ie tsy mitalily.
25 Miafara ho fandrike
ty fihembañañe ama’ ondaty;
fe honjoneñe ty miato am’ IEHOVÀ.
26 Maro ty mipay ty fañisoham-pifehe,
fa IEHOVÀ ro ahazoa’ t’indaty to.
27 Tiva amo vañoñeo t’indaty tsy to;
fe veta amy lo-tserekey
ty vantañe am-pañaveloa’e.

# 30

*Fitaro’ i Agore*
1 Ty fitaro’ i Agore, ana’ Ieake :
onin-drehake,
tinaro’ indatiy am’ Itiele,
*am’ Itiele naho i Okale :
2 Derendereñe te am’ondaty iabio raho;
tsy amako ty hilala’ ondaty,
3 mbore tsy nianarako ty hihitse,
vaho tsy amako ty fahafohinañe
i Masiñey.
4 Ia ty nionjom-b’an-dikerañe mb’eo
vaho nizotso?
Ia ty nahatontoñe o tiokeo
an-taña’e mivokeñe?
Ia ty nañolonkoloñe o ranoo
an-tsaro’e ao?
Ia ty nampijadoñe o hene olon-taneo?
Ia ty tahina’e,
naho ty tahinan’ana’e? Naho fohi’o!
5 Fonga niventeñe o tsaran’ Añahareo;†
ie fikalañe amo mitsolok’ ama’eo.
6 Ko tovoña’o o tsara’eo‡,
fa ho trevohe’e,
vaho ho zoeñe t’ie bodiake.
7 Roe ty raha ihalaliako ama’o;
ko ifoneña’o ampara’ ty hivetrahako:
8 Ahankaño amako ze vande
naho haremborake,
le ko atolots’ahy ndra hararahañe
ndra varabey,
fahano ahy ty anjarako,

* **30:1** ndra ty hoe: Mokotse raho ry A’hare, vaho midazidazìtse † **30:5** Sab 12:6, 18:30 ‡ **30:6** Its 4:2 12:32, Ben 22:18-19

9 tsy mone ho vontsin-draho
vaho hitety Azo, ami'ty hoe:
Ia ze o IEHOVÀ zao?
ke ho rarake raho naho hampikametse,
vaho hitera ty tahinan' Añahareko.
10 Ko fosà'o ami'ty tompo'e
ty mpitoroñe,
kera hamatse azo re,
vaho ho voa-hakeo rehe.
11 Eo ty tariratse mitety an-drae,
naho tsy mitata rene;
12 ty taminga malio amo maso'eo
fe mboe tsy nisasa ami'ty haleora'e,
13 ty tariratse mievoñevoñe amo maso'eo
—akore ty fiandra' o holi-maso'eo!
14 Eo ty taminga hanam-pibara ho famotsi'e
naho meso ho vaza'e,
hampibotsek' o misotry an-tane atoio,
naho o rarake am'ondatio.
15 Roe ty anake vave' ty oletse,
'meo, meo.'
Telo ty raha mitolom-piereñe:
efatse ty tsy mahafivola ty hoe:
'eneñe zay!'
16 Tsy mahafivola ty hoe: 'Soa zay'
ty tsikeokeoke, i beitsiterake,
i tane tsy enen-dranoy,
vaho ty afo
17 Ty maso miteratera rae,
tsy mete avoho-drene,
ho tsimohe' o koàke am-bavataneo,
vaho habotse' ty tsimalaho tora'e.
18 Telo ty raha loho mahalatsa ahy,
efatse ty tsy rendreko;
19 ty liam-bantio an-dindiñe eñe,
ty lia' ty mereñe an-damilamy eo,
ty lala' o sambo añivo riakeo,
vaho ty sata' ondaty ami'ty somondrara.
20 Zao ty satan-karapilo:
Mihinañe re naho mamò-bava
vaho manao ty hoe:
'Zaho tsy nanao raty.'
21 Ambane' raha telo
ty mampañezeñezeñe i taney,
ambane' ty efatse re tsy mahaleo:
22 ambane' i trètreke
t'ie ty mpanjaka,
vaho ty dagola, t'ie etsa-kaneñe,
23 ambane' ty rakemba tsy kokoañe
t'ie engaen-dahy,
vaho ty anak-ampatañe

mandova aman-drakemba'e.
24 Efatse ty raha kede' ty tane toy,
songa mahihitse:
25 Foko tsy maozatse o vitikeo,
fe halankañe'e ami'ty asara ty haneñe;
26 fifokoa tsy fatratse o trandrakeo,
fe mpandranjy traño am-bato ao;
27 tsy amam-panjàka o valalao,
fe mirodo ki-pirimbo-ki-pirimboñe.
28 Mete tsepahem-pitàñe ty tsàtsake,
f'ie añ'anjombam-panjaka ao.
29 Telo ty raha midoegadoega:
efatse ty mitoandratoandra:
30 ty liona, ie maozatse amo biby iabio,
tsy eo ty itsolofiña'e;
31 i akoholahiy§, naho ty oselahy,
vaho ty mpanjaka miatreke
i valobohòn-dahindefo'ey.
32 Naho nanao hagegean-drehe
nañonjom-batañe, ke nikilily,
le tehafo am-pitàñe ty falie'o.
33 Toe miova ho dibera
ty ronono trobotroboeñe,
naho mahatontom-piantsonañe
te komondroeñe,
vaho mampiforoforo haviñerañe
t'ie troboeñe.

# 31

1 Ty enta' i Lemoela Mpanjaka,
ty onin-drehake nanaren-drene'e aze:
2 Anhan ry anako!
Anhan ry anake tañ' ovako ao!
Anhan ry anako nafantoko!
3 Ko atolo'o aman' ampela ty haozara'o,
ndra amo mpandrotsake mpanjakao o sata'oo.
4 Tsy mañeva ty mpanjaka, ry Lemoela,
tsy sazo' i mpanjakay ty mikama divay,
ndra o mpamelek' arivoo
ty hilelalela toake;
5 kera hinoñe naho handikoke i liliy
vaho hañamengoke
ty zo' o anan-kasotriañeo.
6 Anjotsò toake ty heta'e,
vaho divay ty voretra añ'arofo,
7 angao hinon-dre
hañaliñoa'e ty hararaha'e,
tsy ho tiahy ka o hasotria'eo.
8 Manokafa falie hisolo ty moañe,
ho ami'ty zo' o anam-pamàrañe iabio.

§ **30:31** Heb: midiañe am-bania.

9 Manokafa falie
vaho mizakà an-kahiti’e;
ambeno ty zo’ o rarake naho mavomavoo.

### *Figadoña’e: Tolorañ’Asy ty Rakemba**

10 Ia ty mahaonin-drakemba mañeva?
Ie sarotse te amo safirao.
11 Atokisa’ ty trom-bali’e,
ie tsy ho po-vara.
12 Hasoa’e fa tsy mañànto,
amy ze hene andro fiveloma’e.
13 Paia’e ty volon-añondry
naho ty vinda,
vaho an-kafaleañe ty ifanehafa’e am-pitàñe.
14 Manahake o lakam-pañondrañeo,
boak’añe ty añandesa’e mahakama.
15 Mitroatse te mbe haleñe,
hamahañe o keleia’eo,
vaho handiva amo anak’ ampata’eo.
16 Ereñerè’e ty teteke vaho vilie’e;
ambolea’e tanem-bahe ami’ty vokam-pità’e.
17 Midian-kafatrarañe,
naho ampaozare’e o sira’eo.
18 Oni’e te soa o balibalie’eo,
tsy mikipe haleñe i failo’ey.
19 An-dravem-pità’e ty fañareta’e,
le tana’e an-delam-pità’e ty antsòli’e.
20 Velare’e amo rarakeo ty sira’e,
vaho ahiti’e amo mavomavoo o fita’eo.
21 Tsy hembaña’e i fanalay
amo keleia’eo;
fa songa misiki-mañabasà o ana’eo.
22 Anjaira’e saroñe ty vata’e,
hene leny naho malòmavo o siki’eo.
23 Fohiñe an-dalam-bey eo ty vali’e,
ie mitrao-piambesatse
amo androanavi’ i taneio.
24 Mitenoñe lamba leny re vaho aleta’e,
tolora’e sokotry o mpanao takinakeo.
25 Haozarañe naho havantañañe
ro fisiki’e, itohafa’e ty ho avy.
26 Sokafe’e an-kihitse ty falie’e,
le fañòham-patarihañe
ty am-pivimbi’e eo.
27 Halahalae’e soa o satan-keleia’eo,
vaho tsy kamae’e ty mofon-kavotroañe.
28 Miongake o ana’eo mañandriañ’ aze,
naho mandrenge aze i valie’ey.
29 Maro ty ampela manao soa,
fe fonga ilikoara’o.
30 Mpamañahy ty hasoa vintañe,

* **31:9** milahatse ami’ty abode hebreo ty 10-31.

kòake ty hamotramotràñe,
fe rengèñe ty rakemba mañeveñe
am’ IEHOVÀ.
31 Atoloro aze ty havokaram-pità’e!
le handrenge aze an-dalam-bey eo
o sata’eo.

# Mpañoke

## 1

1 Ty taro' i Mpañokey,
ana' i Davide, mpanjaka e Ierosalaime ao.
2 Hakafoahan-kafoake, hoe i Mpañokey,
Hakafoahan-kafoake! Fonga kafoake!
3 Ino ty tombo'e ho a ondatio
amo fifanehafa'e ambane' i àndroy?
4 Mihelañe ty tariratse raike,
mbore limbezen-tariratse,
fe nainai'e eo ty tane toy.
5 Manjirike ka i àndroy,
mitsofotse i àndroy,
mihiririñe mb'am-panjiriha'e añe.
6 Mitioke mañatimo,
le mibalike mañavaratse;
mikariokariok' avao i tiokey,
vaho mimpoly amo fiaria'eo.
7 Songa mivariñe mb'an-driake mb'eo
o sakao fe tsy atseke i riakey;
mb'amy fikararaha' o torahañeoy,
le mb'eo avao ty fikararaha' iareo.
8 Hene mahamamake,
tsy lefe' ondaty volañeñe,
tsy mahaetsa-pihaino t'ie vazoho,
mbore tsy mahaenen-dravembia
te ijanjiñañe.
9 Mbe ho avy indraike i fa añey,
naho mbe hanoeñe avao ze fa nanoeñe,
vaho tsy ambane' i àndroy
ty atao vao.
10 Eo hao ty mete hanoeñe ty hoe,
Heheke! vao itoy? Ie fa teo avao,
haehae taolon-tikañe añe.
11 Tsy tiahy o raha taoloo,
naho o raha hifetsakeo,
vaho tsy hahatiahy irezay
o hanonjohio.

12 Zaho, i mpañokey, le fa mpanjaka Israele e Ierosalaime ao, 13 le nimanean-troko
ty hañotsohotso naho hikodebe an-kihitse ze hene fitoloñañe ambanen-dikerañe
atoa; toe tolon-draha mahamokotse ty natolon' Añahare am'ondatio hifanehafa'e.
14 Nitreako iaby ze fitoloñañe ambane' i àndroy; le hehe t'ie fonga kafoake vaho
fañeañan-tioke.
15 Tsy mete ahity ty mengoke,
vaho tsy lefe iaheñe ty tsy eo.

16 Hoe raho am-batako: Ingo fa natontoko mandikoatse ze hene mpifehe'
Ierosalaime taolo ahy ty fahaoniñañe ra'elahy; vaho nandifotse ty troko ty hihitse

naho hilala. 17 Le nampitoloñeko ty troko hahaoniña'e hihitse naho hahafohiñe ty
hadagolà naho ty hagegeañe. Nirendreko t'ie fañeañan-tioke ka.
18 Amy te minday hasosoram-bey
ty hihitse maro,
vaho mampitombo haoreañe
ty fitomboan-kilala.

# 2

1 Hoe raho an-troko ao, Antao arè, hitsoek' azo an-kafaleañe, hahatrea
ty soa. Te mone, hakafoahañe avao. 2 Hoe raho ty amo fiankahafañeo,
Hagegeañe! naho ty amo hafaleañeo, Ino ty atao'e? 3 Kinodebe' ty ereñereko
ty hañonkòñe ty troko ami'ty divay, ie nitehafen-kihitse ty fitsakoreako; naho ty
hangazoñako o hadagolàñeo ampara' te hahatreavako ze mahasoa o ana' onda-
tio, hitoloña'e ambanen-dikerañe atoa amo andron-kaveloma'e tsy ampe' ampeo.
4 Nitratrañaheko o fitoloñakoo; nandranjy anjomba ho ahy, vaho namboleako
tetem-bahe; 5 Namboarako goloboñe naho ala-vondro, vaho namboleako ze hene
karazan-katae mamoa-voa. 6 Nihaliako antara hanondrahako o hatae mitiry amy
alaio. 7 Nivily ondevo lahy naho ampela, naho nanañe ondevo terak' an-trañoko
ao; toe nanam-piharo troke naho mpirai-lia maro te amy ze hene taoloko e
Ierosalaime ao. 8 Natontoko amako ka ty volafoty naho ty volamena naho ty vara'
o mpanjaka naho tane fehekoo; nahazoako mpibeko lahilahy naho ampela, vaho ze
mahanembanembañe ty tro' o ana' ondatio: sakeza tsifotofoto. 9 Aa le nitoabotse,
nandikoareko ze hene taoloko e Ierosalaime ao; vaho nifahatse amako i hihikoy.
10 Tsy eo ty nitanako amo masokoo
ze hene naina'e;
tsy nikalañeko ami'ty troko
ze atao finembanembàñe,
fa nahafale ty troko o fitoloñako iabio,
zay ty nanambe ahy
amo hene tolon-drahakoo.
11 Ie amy zao hinaraharako
ze hene nanoen-tañako
naho o fifanehafañe nanoekoo,
le ingo fonga hakafoahañe,
naho fañeañan-tioke,
fa tsy aman-tombo'e
ty ambane' i àndroy.
12 Aa le nitolike raho
hañarahara ty hihitse naho ty
hadagolàñe naho ty hagegeañe;
fa inom-bao ty hanoe'
ze manonjohy i mpanjakay?
Ts'ino naho tsy o fa noeñeo avao.
13 Nizoeko amy zao te likoare'
ty hihitse ty hadagolàñe
manahake ty andikoara'
ty hazavàñe ty ieñe.
14 Añambone'e eo ty fihaino' o mahihitseo,
fe mañavelo añ'ieñe ao ty dagola.
Nirendreko amy zao te raik' avao
ty toly mifetsak'am' iereo iaby.

15 Aa hoe raho am-batako,
Ze mifetsak' amy dagolay
ty hidoñe amako kañe;
aa vaho inom-barè
ty maha-loho mahihitse ahy?
le hoe raho an-troko ao,
hakafoahañe ka ie iaby zay.
16 Toe tsy eo ty tsy ho modo fitiahiañe
ty mahihitse naho i dagola,
songa ho haliño amo andro mbe ho avio.
sindre hivetrake ty dagola
naho i mahihitse.
17 Aa le nalaim-piaiñe raho, fa nahangoae ahy ze fonga fanoeñe ambane' i
àndroy, fa hene kafoake, fañeañan-tioke avao. 18 Eka, nihejeko ze fonga fitoloñako
nifanehafako ambane' i àndroy, ie tsy mete tsy hene hengako am'indaty manonjohy
ahiy. 19 Ia ty mahafohiñe, ke t'ie ondaty mahihitse, he dagola? Fe fonga ho fehe'e o
nifanehafako naho nisafirie' ty hihiko ambane' i androio. Kafoake ka zay. 20 Aa le
nitolike raho, nadoko hioremeñe ty troko amo hene tolon-draha nitoloñeko ambane'
i androio, 21 Eo t'indaty nitoloñe an-kihitse naho hilala naho fahimbañañe, vaho
atolo'e amy tsy nitoloñe ama'ey i anjara'ey. Hakafoahañe naho haloloañe! 22 Ino ty
ho azo' ondaty amo fifanehafa'e iabio naho amo fimanean-tro'e nitoloña'e ambane'
i androio? 23 Fa amo hene andro'eo, le fonga atsa-panaintaiñañe naho hasosorañe
o fitoloña'eo; tsy mitofa o fitsakorea'eo ndra te haleñe. Kafoake ka zay. 24 Tsy eo ty
mahasoa ondatio ta te mikama naho minoñe vaho manao an-tro'e te soa o fitoloña'eo.
Zay ka ty nitreako boak'am-pitàn' Añahare, 25 amy te ia ty hikama naho ia ty hifale
mandikoatse ahy? 26 Toe toloran' Añahare hihitse naho hilala vaho hafaleañe ze
no'e am-pivazohoa'e eo; f'ie ami'ty mpanao hakeo ro ampitoloña'e fanontonañe
naho fampitoboroñañe, hanolora'e amo noron' Añahareo. Toe hakoahañe ka zay,
fañeañan-tioke.

# 3

1 Songa namantañañe ty sa'e,
Sindre namotoañañ' andro
ze nisatrie'e ambanen-dikerañe atoa:
2 androm-pisamahañe,
androm-pihomahañe,
androm-pamboleañe naho
androm-pañombotañe i namboleñey;
3 androm-pamonoañe,
naho androm-pañamelañañe;
androm-pandrebahañe mañambane
naho androm-pandranjiañe mañambone;
4 androm-pirovetañe,
naho androm-piankahafañe;
androm-pangololoihañe
naho androm-pitsinjahañe;
5 androm-pañiririñam-bato,
naho androm-panontonam-bato;
androm-pamejañañe naho
androm-pifoneñañe tsy hamejañe;
6 androm-pikodebeañe,

naho androm-pahamotsoañe;
androm-pañajañe
naho androm-pañariañe;
7 androm-pandrovitañe,
naho androm-panjairañe;
androm-pianjiñañe,
naho androm-pisaontsiañe;
8 androm-pikokoañe
naho androm-pihejeañe;
androm-pialiañe vaho androm-panintsiñañe.
9 Ino ty tambem-pieke amy nitromaha'ey? 10 Fa nitreako ty tolon-draha' natolon'
Añahare amo ana' ondatio, hitoloñañe. 11 Kila nanoe'e mañeva ty sa'e; vaho napo'e
an-tro'e ao ty atao nainai'e donia, fe tsy ho taka' ondaty ty fitsikarahañe ty satan'
Añahare boak' am-baloha'e pak'am-pigadoña'e.
12 Apotako te tsy eo ty mahasoa ta t'ie hifale naho hinembanembañe naho mbe
amañ'aiñe; 13 mbore falalàn' Añahare te songa hikama naho hinoñe vaho hifale
amo fitoloña'eo ondatio.
14 Fantako te tsy modo nainai'e
ze anoen' Añahare;
tsy mete tompeañe vaho
tsy mete angalañe;
nanoen'Añahare zao,
hañeveña' ondatio añatrefa'e eo.
15 Ze eo, le fa teo;
naho mbe ho avy ze fa teo;
vaho tsoehen'Añahare o horidañeñeo.
16 Mbore nizoeko ambane' i àndroy,
amy toem-pizakañey
te eo ka ty haratiañe,
vaho amy toen-kavantañañey
ty haloloañe.
17 Hoe raho an-troko ao,
ho zakaen' Añahare
ty vañoñe naho ty raty,
fa kila namotoaña'e ze safiry
naho ze hene fitoloñañe.
18 Hoe raho an-troko ao
ty amo ana'ondatio:
Mitsoke iareo t'i Andrianañahare
hahaoniña' iareo te biby avao.
19 Hambañe ty toli'ondaty
naho ty toli' o bibio;
Manahake ty fihomaha' ty raike
ty hiantantirira' ty ila'e.
Hambañe avao ty fikofò' iareo,
aa le tsy aman-tombo'e amo bibio
t'indaty; toe fonga hakoahañe.
20 Fonga homb'an-toetse raike:
sindre boak'an-debok' ao vaho
songa mibalike mb'an-debok' ao.
21 Ia ty mahafohiñe ke
hañambone ty arofo' ondaty he

hañambane mb’an-tane ao ty tro’ o bibio?
22 Aa le nitreako te tsy eo ty mahasoa
ta te hene mifale amo fitoloña’eo ondatio,
ie tambe’ iareo;
fa ia ty hampandrendrek’ aze
te inoñe ty hanonjohy añe?

# 4

1 Aa le niharaharaeko indraike ze forekekeñe iaby ambane’ i àndroy:
hehe ty ranomaso’ o forekekeñeo,
ie tsy amam-pañohò;
naho am-pità’ o mpamorekekeo
ty hafatrarañe;
f’ie tsy amam-pañimba.
2 Aa le nandrenge o vilasy
fa nihomakeo raho,
ambone’ o veloñe mbe amañ’aiñeo.
3 Eka, lombolombo i roe rey
ty mbe lia’e tsy eo,
ie mbe tsy nahaoniñe ty sata-raty
anoeñe ambane’ i àndroy.
4 Nitreako indraike te o fitoloñañe iabio naho ze tolon-draha mahatafetetse, le voka’
ty fifampitsikiriha’ ondaty naho i rañe’ey. Hakafoahañe naho fañeañan-tioke ka zao.
5 Mamihim-pitañe ty dagola,
vaho abotse’e ty nofo’e.
6 Hàmake ty fianjiñañe mahapea-pitàñe,
ta ty fitàn-droe pea
fitromahañe naho fañeañan-tioke.
7 Nenteako indraike o hakafoahañe ambane’ i àndroy.
8 Teo ty raike tsy amam-paha-roe;
toe tsy nanañ’ anake, tsy aman-drahalahy:
fe tsy mbia tsy heneke o fitoloña’eo;
vaho tsy mahaene-pihaino’e ty vara;
Tsie, hoe re, Ia ze o itoloñako zao,
malorè ty fiaiko tsy hanjo ty soa?
hakafoahañe ka zao
mbore fifanehafañe mahaore.
9 Hàmake te roe ta t’ie raike;
amy te soa fitombo ty fitoloña’ iareo.
10 Ie mikorovoke ty raike,
honjone’ i rañe’ey;
fe feh’ohatse te mikorovoke ty bangìñe
tsy manañ’ ila hampitroatse aze.
11 Tovo izay, ie mitrao-pandreañe ty roe
le mafana: fa ino ty hampafana aze t’ie raike?
12 Mete hiambotraha’ t’indaty
ty raike ie miereñereñe,
fe hijohañe hiatrek’ aze ty roe;
tsy rofondrofoteñe aniany
ty taly telo-randra.
13 Ndra kitra’e ajalahy

rarake mahihitse
ta t’ie mpanjaka antetse gege
tsy mañaoñe hatahata.
14 Toe niboak’am-balabey ao re
ho mpanjaka;
ie nirarake te nitoly am-pifehea’e ao.
15 Nitreako te niarimboe’
ze hene veloñe ambane’ i àndroy,
i ajalahy tsinara valoha’ey,
i handimbe azey,
16 naho te tsifotofoto ondaty
am-boriza’e ao,
f’ie tsy ho loho onjone’
o manonjohy azeo.
Toe hakafoahañe ka zao
vaho fañeañan-tioke.
17 Ambeno ty lia’o mb’añ’anjomban’ añahare mb’eo, harineo hijanjiñe’o, Hàmake
zay ta te mañenga ty soro’ o seretseo, ie tsy apota’e te manao raty.

# 5

1 Ko meke am-palie, naho ko malisa an-tro’o ty hisaontsy ndra inoñe aman’
Añahare: fa an-dindiñe ao t’i Andrianañahare, ihe an-tane atoy, aa le anò tsy
ampeampe o enta’oo.
2 Mahavy nofy ty fimaneam-pitoloñañe;
fe fohiñe ami’ty hamaron-tsaontsi’e
ty feo’ i gegey.
3 Ihe mifanta aman’ Añahare,
ko malaoñe hañavake;
fa tsy ifalea’e ty dagola:
ondroho i nifantà’oy.
4 Hàmake t’ie tsy mifanta,
ta te mifanta tsy mañavake.
5 Ko metè’o hañakeo azo ty vava’o;
le ko manao amy Irakey te nilosotse:
fa ino ty hiviñeran’ Añahare amy feo’oy,
handrotsaha’e o satan-taña’oo?
6 Fa hakafoahañe ty halàko nofy
naho ty hamaro saontsy:
mone mañeveña aman’Añahare.
7 Ie isa’o ty famorekekeañe o rarakeo,
naho ty fampitavanan-jo naho hatò
ampariparitse añe, ko ilatsa’o:
fa jilove’ i mpifelek’ azey ty mpifehe
vaho ambone ka ty bei’iareo.
8 Amy te itraofa’ iabikey
ty tombo’ i taney:
toe mitoroñe i mpanjakay i tetekey.
9 Tsy mahaeneñe ty mpitea-vola ty vola;
vaho ty mpikoko firegoregoañe
t’ie miegoego:
hakafoahañe ka zay.
10 Ie mitobake ty havokarañe,

maro ka o mampibotsek’ azeo:
aa le ino ty tombo’e ho a i tompo’ey
ta te ho sambae’e am-pihaino avao?
11 Mamy ty firota’ ty mpifanehake,
ndra te kede ty kamae’e ndra te bey:
fe tsy apo’e hirotse
ty havontsiña’ i mpañalealey.

12 Eo ty haratiañe manivontivoñe nitreako ambane’ i àndroy, te mijoy ty
mpañefoefo o vara ahaja’eo. 13 Ie nikapaike i varay, amy te navaridì’e ami’ty
tsy vara, le nahatoly ana-dahy f’ie an-tañam-polo. 14 Hambañe amy niboaha’e
an-kovin-drene’ey, t’ie hiboridañe ka te himpoly, ndra loli’e tsy ho tintinem-pità’e
amy fitromaha’ey. 15 Haratiañe manivontivoñe ka zay, te manahake ty nitolia’e ty
himpolia’e: aa le ino ty tombo’ ty fitromahañe hahazoañe tioke? 16 Mikama añ’ieñe
ao amo hene andro’eo, amy t’ie lako haemberañe naho hasilofañe vaho habosehañe.
17 Ingo, ty nitreako ho soa naho mañeva aze, t’ie mikama naho mitohoke vaho hifale
ami’ty hasoa’ i tolon-draha itoloña’e ambane’ i àndroy amo andro tsy ampeampe
iaiña’eo, o natolon’ Añahare azeo: fa zay ty anjara’e. 18 Naho ondaty nitoloran’
Añahare vara naho hanaña le nimea’e lily hikama naho handrambe anjara, vaho
hirebek’ amy nifanehafa’ey; toe falalàn’ Añahare zay. 19 Le tsy beteke haereñere’e o
andro iveloma’eo, amy t’ie ampitoloñen’ Añahare an-kafalean-troke.

# 6

1 Eo ty haratiañe nitreako ambane’ i àndroy, toe mandrambañe am’ondatio, 2 eo
t’indaty nitoloran’ Añahare drala naho vara vaho asiñe, ie tsy po-draha irien-troke,
fe tsy nitoloran’ Añahare ty haozarañe hahafikama’e, te mone hane’ ty ambahiny;
hakafoahañe zay vaho areten-draty. 3 Ndra te misamak’ anake zato indatiy, naho
maro taoñe ty iaiña’e, ndra firefire, fe tsy enen-kasoa ty tro’e, naho tsy eo ty
handeveñe aze, le hàmake t’ie niboloañe, 4 ho koake ty fiavi’e naho himoromoroñe
ty fiengà’e, vaho ho kolopofe’ ty ieñe i tahina’ey; 5 le lia’e tsy ho isa’e i àndroy
vaho hamoea’e; f’ie ty mitofa soa ta i raikey; 6 eka ndra te indroe veloñe arivo
taoñe i raikey, ie tsy nanjo hasoa; tsy kila hikovovoke mb’an-toetse raike mb’eo
hao? 7 Hene ho am-palie’e avao ty fitoloña’ ondaty, te tsy eneñe i hatea-hane’ey.
8 Aa inoñe ty mahazòke’ ty dagola i mahihitse? ino ty fitombo’ i rarakey, t’ie
mahafitsontike añatrefa’ o veloñeo? 9 Hamake ty onim-pihaino, te ami’ty fisalalan-
troke; hakafoahañe ka zay vaho fimanean-tioke. 10 Ze hene eo le fa nitolorañe
añarañe, le fa arofoanañe te inoñe ondatio, vaho tsy aze ty hifandietse amy maozatse
te ama’ey. 11 Maro ty raha manovoñe o hakoahañeo, aa le ino ty tombo’e ho a
ondatio? 12 Ia ty mahafohiñe ze mahasoa ondatio ami’ty havelo’e, amo taoñe tsy
ampeampe iveloma’e hoe evoñeo, ie mihelañe hoe talinjo avao? Fa ia ty hahatalily
am’ondatio ty hanonjohy aze, ambane’ i àndroy?

# 7

1 Ambone’ ty fahosotse sarotse
ty tahinañe soa;
naho ty androm-pihomahañe,
ta ty andro nisamahañe.
2 Hàmake t’ie mb’an-traño fandalàñe
ta te mb’añ’anjomba fisabadidahañe,
fa zay ty figadoña’ ze kila ondaty,
ee te hapo’ ty veloñe an-tro’e ao zay.

3 Ambone’ ty fiankahafañe
ty haemberañe;
fa mete ho fale ty arofo
ndra te lonjetse ty laharañe.
4 Añ-anjombam-pandalàñe ao
ty arofo’ o mahihitseo,
le an-trañom-piankahafañe ao
ty tro’ o dagolao.
5 Hàmake t’ie mijanjiñe
ty fañendaha’ ty mahihitse,
ta te mitsanoñe ty sabo’ o mineñeo.
6 Hambañe ami’ty fipipiham-patike
ambane’ valàñe eo,
ty fitohafa’ i dagola;
hakoahañe ka zay.
7 Toe mampinè’ ty mahihitse
ty famorekekeañe,
vaho mamorek’ arofo ty vokàñe.
8 Ambone’ ty fifotoran-draha
ty figadoña’e,
le ambone’ ty troke misenge
ty arofo mahaliñe.
9 Ko malisa ho viñetse añ’arofo rehe,
amy te mimoneñe am-banian-dagola ao
ty habosehañe.
10 Ko manao ty hoe,
Ino ty nahasoa o andro taoloo
te amo henanekeo?
toe tsy aman-kihitse i ontane’o zay.
11 Raha soa te mitraoke an-kihitse ty lova,
toe tombo’ o mahaisake i androio.
12 Manahake ty fañarova’ ty vara
ty fañambena’ i hihitsey;
fe ty hasoa’ o hilalao,
arova’ i hihitsey ty fiai’ o manañ’ azeo.
13 Haraharao ty fitoloñan’ Añahare;
ia ty mahay mañity ty nimengoha’e.
14 Mifalea añ’andro vokatse, vaho mitsakorea añ’andron-kankàñe; songa nanoen’
Añahare itoy naho iroy, soa tsy ho oni’ ondaty ndra inoñ’ inoñe amo hanonjohy
azeo. 15 Hene nitreako amo haveloko koakey; eo t’indaty vaño mihomak’ amy
havantaña’ey, eo ka ty lo-tsereke mañalava andro amy haratia’ey. 16 Ko loho vantañe;
ko losore’o ty hihitse; Ino ty hampiantoa’o ty vata’o? 17 Ko loho tsereheñe, naho ko
manao gege; ino ty hivetraha’o aolo’ ty andro’o? 18 Soa re te fahara’o iroy, vaho
tsy asita’o itoy, fa horihe’ ty mañeveñe aman’ Añahare i roe rey. 19 Mampaozatse
ty mahihitse ambone’ ty mpifehe folo an-drova ao, ty hihitse. 20 Fa toe tsitantane
t’indaty vañoñe mitolon-kavantañañe le lia’e tsy mandilatse. 21 Aa le ko loho haoñe’o
ze fonga enta saontsieñe, tsy mone ho janji’o mamatse azo ty mpitoro’o; 22 amy te
beteke, fohi’ ty vata’o te ihe namatse ty ila’e. 23 Fa hene nitsoheako an-kihitse, le hoe
raho: Ho paiako ty hihitse, fe nihànkañe amako. 24 Tsietoitane añe naho miheotse o
raha fa nifetsakeo, ia ty hahatendreke aze? 25 Natoliko ty troko handrèndreke naho

hitsikarake vaho hikodebe ty hihitse naho ty lengo' o rahao, naho ty hahafohinako
ty haratia' ty hadagolàñe, vaho ty hanè' o hagegeañeo; 26 le nitreako te mafaitse
te ami'ty havilasy ty rakemba amam-pandrike, ie harato ty tro'e, naho silisilim-
pandrohizañe o taña'eo; hiponiora' ty mahafale an' Andrianañahare; fe ho tsepahe'e
ty mpanan-tahiñe. 27 Ingo, itoy ty nitreako, hoe ty mpañoke, ie tovoñañe ami'ty
raha raike ty ila'e, hamoliliañ' aze; 28 ie nitolom-pipay ty troko, fe mbe mboe tsy
naharendreke; fa nahatrea ondaty raik' ami'ty arivo raho, fe tsy nahatrea rakemba
raik' amy rezay iaby. 29 Inao, te zao avao ty nitreako, te nanoen' Añahare mahity
t'indaty, f'ie mikitro-draha maro.

# 8

1 Ia ty manahake i mahihitsey?
Ia ty maharendreke ty ango'e?
Mahaloeloe ty lahara' ondaty ty hihitse,
vaho mampiova ty hagàm-binta'e.

2 Mañòk' azo raho hiambeñe ty taro' i mpanjakay ty amy nifantà'o aman'
Añaharey. 3 Ko malisa mienga amy fañatrefañe azey; le ko mifahatse ami'ty raha
raty, amy te anoe'e ze satrie'e. 4 Aa kanao manandily ty saontsi' i mpanjakay, ia ty
hanao ama'e ty hoe: Ino o anoe'oo? 5 Tsy ifetsahan-dilo ty mañamben-dily, amy te
mahatsakore ty andro naho ty lily ty arofo mahihitse. 6 Kila manañe ty andro'e naho
ty lili'e; ndra te mavesatse am' ondatio ty haemberañe. 7 Kanao tsy fohiñe ty ho avy;
ia ty mahatalily aze te inoñe ty hifetsake. 8 Tsy a' ondaty ty lily hanebañe ty fitiofa'
i tiokey; naho tsy anaña'e lily i androm-pikoromaha'ey; tsy eo ty famotsorañe amo
alio; vaho tsy mahafipoliotse ami'ty haratiañe o mitoloñe ama'eo. 9 Fonga nitreako,
naho nitoloñe' ty troko ze hene fitoloñañe ambane' i àndroy atoy; ie nanan-dily amy
t'indaty t'indaty vaho nijoia'e.

10 Nitreako ka ty fileveña' o tsereheñeo, ie fa nimoake naho nienga i toetse
miavakey, ie nandikofañe amy rova nanoeñe zaiy; hakoahañe ka zay. 11 Naho tsy
andilova' ty zaka aniany ty sata raty, le mañatsake ty tro' o ana' ondatio ty hanao
raty; 12 aa ndra te mitolon-kanao raty in-jato ty mpanan-tahiñe, vaho mihamaro avao
o andro'eo—mbe apotako te hanintsiñe o mañeveñe aman' Añahareo, o miambane
añatrefa'eo; 13 fe po-panintsiñañe ty tsereheñe, naho tsy hihalava hoe talinjo o
andro'eo, ami'ty tsy fañeveña'e aman'Añahare.

14 Eo ty hakafoahañe fanoeñe ambone' ty tane toy; te eo ty mifetsak' amo vaño
ze mañeva ty sata' o ratio; vaho eo te mizo i ratiy ty sazò' ty fitoloña' o vantañeo—
hoe raho: Hakoahañe ka zao. 15 Aa le nonjoneko ty haravoañe, amy te tsy ambane' i
àndroy etoy ty hahasoa ondaty ta te mikama naho minoñe vaho mifale, fa irezay ty ho
mpipitek' ama'e amy fitoloña'ey amo hene andro natolon' Añahare aze hiveloma'e
ambane' i androio.

16 Ie napoko an-troko ty handrèndreke hihitse, hahatreava'e o fitoloñañe fanoeñe
an-tane atoio—ndra te eo ty tsy mirotse handro ndra haleñe o fihaino'eo, 17 le
hene nioniko o fitoloñan' Añahareo, le tsapako te tsy lefe tsikaraheñe o fitoloñañe
nanoeñe ambane' i àndroio; ndra te imanea' ondatio pay, tsy ho isa'e; vaho ndra te
hanoe' i mahihitsey ty hoe: "Fa fohiko!", mbe lia'e tsy niisa'e.

# 9

1 Toe fonga rinambeko an-troko ao zao, le ho taroñeko te songa am-pitàn' Añahare
ao o vantañeo naho o mahihitseo vaho o fitoloña'eo; tsy fohi' ondaty ke te fikokoañe
ke falaiñañe ty hiatrefa'e. 2 Kila ifetsahañe. Raike ty hizo i vantañey naho i
tsereheñey, ho ami'ty soa, ami'ty malio naho ami'ty tsy malio; ho ami'ty mañenga

soroñe naho ami'ty tsy misoroñe. Hambañe amy vantañey ty ho ami'ty mpanan-
kakeo; vaho ho amy mifantay naho amy mihembam-pantay. 3 Zay ty haloloañe
anoeñe ambane' i àndroy, te raik' avao ty toli' ie iaby. Mbore lifo-karatiañe ty arofo'
o ana' i Dameo, vaho añ'ova' iareo ao ty hadagolañe manitsike ty havelo' iareo, ie
añe le migodam-ban-kavilasy ao. 4 Fe manan-ko tamae'e ze mpiamo veloñeo, amy
te hamak' amboa veloñe ta te liona mate. 5 Fohi' o veloñeo te hikenkañe, fe tsy
mahapota-draha o fa nihomakeo; ie tsy hanan-tambe ka, fa motso ty fitiahiañe iareo.
6 Fa ho momoke ty fikokoa' iareo naho ty falai'iareo, vaho ty fahimbaña' iareo; le
tsy hanañ' anjara ka iereo amy ze anoeñe ambane' i àndroy. 7 Akia, ikamao an-
kafaleañe ty mahakama'o, naho inomo am-pinembanemban-troke ty divai'o; fa nòn'
Añahare o fitoloña'oo. 8 Ee te ho foty nainai'e o siki'oo, naho ko apo'o tsy ho an-
doha'o eo ty solike. 9 Mifalea, rekets' i valy kokoa'oy amo haveloñeo, amo hene
androm-piai'o mihelañe natolo'e azo ambane' i àndroio, amy te zay ty anjara'o an-
kaveloñe ao, naho amo tolon-draha ifanehafa'o ambane' i androio. 10 Ze tendreham-
pità'o hanoeñe, le anò ami'ty haozara'o; amy te tsy amam-pitoloñañe ndra safiry
ndra hilala ndra hihitse ty an-tsikeokeoke hañaveloa'o ao. 11 Nitreako indraik'
ambane' i àndroy te tsy a i masìkay ty mifandriadriake, naho tsy a i fanalolahiy
ty hotakotake, tsy a i mahihitsey ty mahakama, tsy a i mahilalay ty vara, vaho tsy
a i mahimbañey ty isoke, fa songa ifetsahan' andro naho toly. 12 Toe tsy apota'
t'indaty ty namotoañañe aze. Hoe fiañe nizo an-karato raty, naho voroñe tsinepak'
am-pandri-bo, ty fiporengetañe ondaty amy andron-kekoheko ivovoa'ey. 13 Zao ka ty
nitendrek' ahy ho hihitse ambane' i àndroy, le nijabajaba amako. 14 Teo ty rova kede
ama' ondaty tsy fire. Nivotrake eo amy zao ty mpanjaka ra'elahy, nañarikatoke naho
nandranjy fanongañe jabajaba haname aze. 15 Tendrek' ama'e ao t'indaty mahihitse
fe rarake, ie ty nandrombake i rovay amy hihi'ey, fe leo raike tsy nahatiahy indaty
rarakey. 16 Aa le hoe raho, Ambone' ty ozatse ty hihitse; fe sirikaeñe ty hihi' i rarakey
vaho tsy haoñeñe o enta'eo.

17 Hamake ty saontsi' i mahihitsey janjiñeñe am-pianjiñañe, ta ty tazatazam-pifehe
amo dagolao. 18 Ambone' o fialiañ' alio ty hihitse, fe maharotsake ty hasoa maro ty
mpanan-tahiñe raike.

# 10

1 Mampitrotrotse ty menam-pañemboke ty laletse mate; le mavesatse te ami'ty
hihitse naho ty asiñe, ty hagegeañe kede. 2 Mitolike mb'an-kavàna ty arofo' i
mahihitsey, mb'ankavia ka ty tro' i dagolay. 3 Ndra te mijelanjelañe an-dalañe eo
ty derendereñe, kanao po-hilala, aboa'e amy màroy ty hagegea'e. 4 Naho miforoforo
ama'o ty haviñera' ty mpifehe, ko apo'o ty toe'o, amy te mañafa-tsirìka-mena ty
hamora-fo. 5 Eo ty haratiañe nitendrek'ahy ambane' i àndroy, hoe lilatse aboa' ty
mpifehe.

6 Onjoneñe mb'an-toetse ambone
ty seretse maro,
ie mitozoke ambane eo o mpañalealeo.
7 Nahatrea ondevo miningi-tsoavala raho,
vaho ty ana-donake
mañavelo an-tane eo hoe ondevo.
8 Mete hivariñe ama'e ao
ty mihaly koboñe;
naho mete hehere' ty mereñe
ze misorodidy kijoly.
9 Mete joie' ty vato ty mihaly aze;

le mete hizo fere ty mampitserake hatae.
10 Naho malomo ty viñe,
ie tsy sioña’e ty lela’e,
le añ’ozatse ambone ty ifanehafa’e;
lombolombo’e ty hihitse mahatafetetse.
11 Ie hehere’ ty mereñe
tsy nampipendreñeñe;
le an-koheke i mpitroboy.
12 Matarike o entam-palie’ i mahihitseio,
fe mampibotseke ty dagola o soñi’eo.
13 Mifototse an-kagegeañe
o fivolam-bava’eo,
naho migadon-ko haratian-dagola;
14 mangaradadak’ avao ty minè.
Tsy fohi’ ondatio ty ho zoeñe,
ia ty mahatalily ama’e ty hanonjohy aze?
15 Akore ty hamokora’ i dagolay
amy fitromaha’ey, kanao tsy fohi’e
ty homba’e mb’an-drova mb’eo.
16 Hoy hoy ty ama’o, ry tane,
naho ajaja ty mpanjaka’o
vaho mpanao bedidake maraindray
o ana-dona’oo!
17 Haha rehe ry tane,
te roandriañe ty mpanjaka’o,
vaho mikama ami’ty evae’e
o ana-dona’oo hihaozara’e
fa tsy ty himamoa’e!
18 Havotroañe ty mahakolemake tafo;
tañañe ledra’e
ty mahatsopatsopake traño.
19 Natao hampiankahake ty sabadidake;
te hahafale fiay ty divay,
vaho te hamale ze he’e ty drala.
20 tovo’e: Ko mamatse ty mpanjaka
am-pitsakorea’o ao,
naho ty mpiefoefo
an-trañom-pandrea’o ao;
ke hinday ty feo’o i voron-tiokey,
hera haboele’ i amañ’elatsey i enta’oy.

## 11

1 Ahifiho ambone’ o ranoo ty mofo’o,
le ho tendrek’azo andro maro añe.
2 Zarao fito o vara’oo, he valo,
fa tsy fohi’o ze hankàñe
mete hifetsak’ an-tane atoy.
3 Ie milodolodo o rahoñeo,
le adoa’e mb’an-tane atoy ty orañe;
aa ke mihorokodoboke mañatimo
ty hatae, he mañavaratse,

le amy ideboña’ey ty handrea’e.
4 Tsy hitongy ty mpisamba tioke;
vaho tsy hanatake ty mpijilo rahoñe.
5 Kanao tsy apota’o ty lala’ i tiokey,
naho tsy fohi’o ty fitiria’
o taolañe an-kovi’ i mivesatsey,
le tsy fohi’o ka ty fitoloñan’ Añahare
mpamboatse ze he’e.
6 Tongiso maraindray o tabiri’oo,
vaho ko mampi-po pitàñe te hariva;
amy te tsy fohi’o ty ho lefe,
ke ty etoañe ke i eroañey,
hera ho soa iaby iereo roroe.
7 Mamy o hazavàñeo,
naho mahafale fihaino
ty mahaoniñe i àndroy.
8 Aa ndra te veloñe maro-taoñe t’indaty
ee te hirebeha’e iaby,
le ho tiahi’e abey
o andron-kamoromoroñañeo,
t’ie ho maro,
toe hakoahañ’ iaby ty ho avy.
9 Mandià taroba ry ajalahy,
ihe mbe tora’e,
ee te hampahaehak’ azo ty tro’o
amo andron-katora’oo.
Oriho ty fisalalam-po’o
naho ty fañiria’ o maso’oo,
fe mahafohina t’ie hampiatrefen’
Añahare an-jaka ty amy hene rezay.
10 Ano soike o halorèan-tro’oo,
vaho ampihankaño ami’ty sandri’o
ty falovilovia’e;
fa toe mihelañe ty hatorañe
naho ty haañom-piaiñe.

# 12

1 Tiahio i nitsene azo
an-tsan-kajalahi’o,
aolo’ ty fivotraha’ o andron-kasotriañeo,
naho ty hitotofa’ i taoñe hanoe’o ty hoe:
Tsy mahafale ahiko irezay;
2 aolo’ ty fañamaieñañe ty hazava’
i àndroy naho i volañey vaho o vasiañeo,
naho ty fibaliha’ o rahoñeo
ie fa añe i orañey;
3 amy andro hihondrahondrà’
o mpañambeñ’ anjombao,
naho hibokobokoha’ ondaty maozatseo,
naho hitroara’ o mpandisañeo
amy t’ie tsy ampe,

vaho mihamaieñe tsy hahaisaha’
ondaty mitilihitse amo lalan-kedeo;
4 ie mirindriñe o lalam-ban-dalam-beio,
naho migeongeoñe avao
o vato fandisanañeo,
naho mahatsekake ondaty
ty feom-boroñe,
vaho hene namptsiñeñe o anak’ ampela mpibekoo;
5 eka, mahahembañe ondatio
te an-kaboañe ey,
mirevendreveñe t’ie an-damoke eo;
mikò-foty o mahabiboo,
fe mikozozotse avao i valalay,
vaho milesa i vahen’ amaloy;
amy te migodañe mb’añ’akiba’e
nainai’e mb’eo ondatio,
ie midraidraitse an-dalañeo
o mpandàlao;
6 aolo’ te tampake i fole volafotiy,
naho foy i korobo volamenay,
naho señak’ am-bava’ i vovoñey
ty fitovy,
naho nipozak’ an-kadaha eo
i larom-pitarikey,
7 naho mibalike mb’an-tane
niboaha’e ao i debokey,
vaho mimpoly mb’
aman’Andrianamboatse azey
i kofòkey.
8 Habibin-kakafoahañe zay,
hoe t’i Mpañoke; kila kafoake.
9 Tovo i hihi’ey, nanare’ i Mpañokey hilala ondatio, ie nandanja naho nañotsohotso
vaho nañity razan-tsaontsy maro. 10 Nitsoeke fisaontsy mahafale i Mpañokey, vaho
nanokitse tsara-to am-palangesañe. 11 Hoe fitsipoke ty fisaontsi’ o mahihitseo, toe
fati-by soa oreñe o razan-drehakeo, o natolo’ i Mpiarak’ añondriio.
12 Aa, le mitaoa ry anake
amo mandikoatse irezaio,
fa tsy ho modo ty fanoañe boke maro,
vaho mahamamake o nofotseo
ty halako-pihotsohotsoañe.
13 Ty figadoña’e, ie hene jinanjiñe:
Mañeveña aman’Añahare,
vaho ambeno o lili’eo;
ho a’ ze kila ondaty zay.
14 Hendesen’ Añahare mb’an-jaka
ze hene sata, ze he’e mietake,
ndra t’ie soa ndra te raty.

# Sabo Talango’e

## 1

1 Ty Sabo talango’ i Selomò.

*Kokoa’e*

2 Apoho hañorok’ahy re
amo orok’ am-palie’eo!
Fa soa te amo divaio ty fikokoa’o.
3 Mandrifondrifoñe
o mena-pañosora’oo,
rano máñitse nailiñe ty tahina’o,
zay ty ikokoa’ o somondrarao azo.
4 Kozozoto raho, antao halisa;
Nandese’ i mpanjakay mb’añ’efets’
efen’anjomba’e ao.

*Rañe’eo*

Hañonjoñ’ azo zahay naho hirebeke, honjone’ay ambone’ ty hamañin-divay.
An-kahiti’e ty fikokoa’ iareo azo.

*Kokoa’e*

5 Mainte raho, naho ginoke,
ry anak’ampela’ Ierosalaimeo,
manahake o kiboho’ i Kedareo,
hambañe amo lamba’ fañefe’ i Selomoo.
6 Ko mangarek’ ahy ami’ty hamaintelèñeko,
ie nisamb’ ahy i àndroy.
Niboseha’ o ana-dahin-drenekoo raho,
nampañalahala’ iareo
o tanem-baheo,
vaho namoeako ka
i tanem-bahekoy!
7 Saontsio amako,
ry fikokoam-piaiko,
Aia ty fiandraza’o,
i fampandrea’ o an’tsingilingilieñey?
Amy te ino ty hitsikombeako ty mpisaron’ tarehe marine’ o lia-rain-drañe’oo?

*Rañe’eo*

8 Aa naho tsy fohi’o,
ry hatsomerentseren’ampelao,
le tinoño ty lia’ i lia-raikey
vaho andrazo marine’ o kibohom-
piarakeo o vik’ose’oo.

*Mpikoko*

9 Ry kokoako, Ampanahafeko ami’ty renen-tsoavala amo sarete’ i Paròo,
10 Fanjaka o fifi’oo ty amo hangehangeo,
ty vozo’o miravake vatosoa.
11 Hitsenea’ay bangem-bolamena
nihamineñe volafoty.

*Kokoa'e*
12 Ie nandre an-tihi'e eo i mpanjakay,
ro nañakara' i ramekoy i hañi'ey.
13 Hoe sandrifen-drame mandre añivo'
o nonokoo i kokoakoy.
14 Fitoborom-boñen-tseva
an-tanem-balobo' i En-Gedy ao
i kokoakoy.

*Mpikoko*
15 Akore ty hamozohozo'o, o kokoakoo,
Hen! ty hatrenotreno'o;
deho o maso'oo.

*Kokoa'e*
16 Toe tsomerentseren-drehe kokoakoo, vata'e miehañe;
maindoñe ty fandrean-tikañe;
17 Mendoraveñe o fahan-trañon-tikañeo,
akao o tapena'eo.

# 2

*Mpikoko*
1 Somontsoin-tSaròne raho,
vare-mañim-bavatàne.
2 Manahake o mañidè am-po' fatikeo
i kokoakoy amo somondrarao.

*Kokoa'e*
3 Manahake ty takoko* amo hatae añ'alao
ty kokoako amo ajalahio.
Tsy nahay avao raho te nitoboke
an-talinjo'e eo,
nimamy an-pitsopehañ'aze o voa'eo.
4 Nasese'e mb'añ'anjomban-
tsabadidake mb'eo raho
le nampialofe'e ambanen'
alokalom-pikokoa'e ao.
5 Fahano zizimo† raho,
ampanintsiño an-takoko,
fa nampitoiram-pikokoan-draho.
6 Iondanan-dohako ty fità'e havia,
mamelek' ahy ty fitàn-kavana'e.
7 Afantoko ama' areo
ry anak'ampela' Ierosalaimeo,
ty amo farasio naho o tsakan-kivokeo;
ko tsekafe' areo
ndra ampibarakaohe' areo
o fikokoañeo am-para' te irie'e!

*Ambara' t'i Mpikoko i Kokoa'ey,*

*Kokoa'e*
8 Inao i kokoakoy!

---
* **2:3** Poma † **2:5** Valòboke

Heheke, mb’ etoan-dre,
mitsamboatsamboañe amo vohitseo,
mbore vokone’e o tambohoo.

*Mpikoko*

9 Manahake o farasio ndra ty fanaloke tora’e i kokoakoy;
hehe t’ie mijohañe an-kalo’
o kijolin-tikañeo,
mitangirik’ amo lalan-kedeo,
mitilihitse amo tsingarakarakeo.
10 Tinoi’ i kokoakoy raho ami’ty hoe: Miongaha ry kokoako,
i hatsomerentserekoy, antao:
11 fa nihak’ añe i asotriy,
fa tampetse i orañey, le añe.
12 Misodeha an-tane ey o voñeo,
le fa totsake ty sam-pañetefañe,
vaho fa mivolañe an-tanen-tika atoy
i lovey.
13 Fa somaraveñe o voa’ i sakoañeio,
naho mibotiboty iaby o vaheo,
vaho mampiboele o harifondrifo’eo;
miavota ry kokoako,
ry tsaratseake, misitaha mb’etoa.

*Mpikoko*

14 O dehoko, an-tseram-batoo:
an-tsifitsifi’ o tevañeo,
ee te ho treako ty tarehe’o,
lonike te hitsanoñe ty feo’o,
ry talango am-peo naho soa vintañeo.
15 Tsepaho ho antika o fanalokeo,
o fanaloke bory mampianto
tanem-baheo,
fa mamòñe i tanem-bahen-tikañey.

*Kokoa’e*

16 Ahiko i kokoakoy, aze ka raho:
ie mampiandrazeñe amo vindao.
17 Ampara’ te mitiotioke i àndroy
vaho misomarike o talinjoo, ry kokoako, mitoliha, tsikombeo i farasiy
ndra i fanaloke tora’e
an-tevam-bohitsey.

# 3

*Ipaia’ i Kokoa’e Haleñe*

1 Ie haleñe an-tihiko atoy,
nipaiako i kokoam’ piaikoy,
nisalala aze raho fa tsy tendreke;
2 Hitroatse henaneo
hikariokariok’ an-drova ao,
amo lala’eo naho an-kiririsa’e eo;
ho tsoeheko i kokoan’ aikoy.
Pinaiko fa tsy nitrea.

[3] Nizoe’ o mpañambeñeo raho,
ie nañariofa’ iereo fisamba i rovay.
Nioni’ areo hao i kokoam-piaikoy?
[4] Ie vaho nihelañako,
le nitendrek’ amy kokoam-piaikoy;
nivihineko le tsy navotsoko ampara’ t’ie naseseko mb’añ’anjomban-dreneko mb’eo,
mb’añ’efe’ i nampiareñ’ ahikoy.
[5] Afantoko ama’ areo
ry anak’ampela’ Ierosalaimeo,
ty amo farasio ndra o fanaloke
an-kivokeo:
ko tsekafe’ areo ndra barakakaofe’ areo
o fikokoañeo ampara’ te irie’e.

### *Androm-Pañambaliañe Ty Fañotroñañe i Enga Vaoy*

[6] Iam-bao o mionjo’ mb’etoa
hirik’am-patrambeio,
hoe hatoeñe mihorondemboke,
nembohe’ ty tsotse naho mañidè
vaho ze hene hamañim-bom-pibalibalike?
[7] Hehe t’ie i horantsa’ i Selomoy,
iaoloa’ ty fanalolahy enem-polo
amo lahitsiai’ Israeleo.
[8] Songa mpitam-pibara, vañoñ’añ’aly,
fonga ama-mesolava am-pe’e eo
ty amo fangebahebahan-kàleñeo.
[9] Nitsenè’ i Selomò ho aze
ty horantsa’e an-katae’ i Libanone.
[10] Nanoe’e volafoty o anakore’eo,
volamena i voho’ey,
malo-mavo i fiambesa’ey,
fikokoañe ty nihamina’ o anak’ ampela’ Ierosalaimeo ty añ’ate’e ao.
[11] Mionjona, ry anak’ ampela’ i Tsioneo, sambao i Selomò mpanjaka misabaka
i nampisabakaen-drene’e
amy androm-pañengam-bali’eiy,
amy andro nahafale i arofo’eiy.

# 4

### *Mpikoko*

[1] Akore ty hahomozohozo’o,
ry kokoakoo, toe tsomerentsereñe;
deho am-boho’ o marerarera’oo
o fihaino’oo;
hoe lia-rain-ose mivovotse
am-pizotsoa’ i Gilade o maròi’oo.
[2] Hoe ty rene’añondry hinitsike mitroatse
am-panasañe o famotsi’oo,
songa aman-drahamba’e,
leo raik’ ama’e tsy doñ-anake.
[3] Hoe fole-mena o fivimbi’oo
vaho fanjaka o falie’oo.
Hoe vakim-boan-draketamena roe

o fitendrean' aoli'oo an-kalo
o marerarera'oo.
4 Manahake ty fitilik'abo' i Davide
ty fititia'o, rinanjy am-bato miriritse,
iradoradoa' ty fikalan-defoñe arivo,
songa fikalam-panalolahy.
5 Hoe fanaloke tora'e o fatroa'oo,
sarake hambañe mihota am-binda ao.
6 Ampara' ty fanintsiñañ' andro,
an-kalavaen-talinjo,
homb'am-bohin-tsotse mb'eo raho,
mb'an-kaboan-drame mb'eo.
7 Solanto'e rehe, ry mami' ty troko,
tsy aman-kila.
8 Mindreza lia amako
boake Libanone añe
ry enga-vaoko,
ehe itraofo hirike Libanone añe;
mizotsoa boak'an-dengo' i Amane ey,
boak'an-kaboa' i Senire,
an-digiligi' i Kermone eñe,
boak'amo fipaliram-parasio,
o vohim-panalokeo.
9 Fa tinava'o ty troko, ry rahavaveko,
enga-vaoko;
kinizo'o an-driom-paom-pihaino'o,
ami'ty bange'o raik' am-pititia'o eo.
10 Fanjaka ty fikokoa'o,
rahavaveko, enga-vaoko!
loho soa te amo divaio ty fikokoa'o,
naho ty harifondrifon-drano mañi'o
te amy ze atao emboke!
11 Mitsopatsopake
ty hamamim-papy tantele
o fivimbi'oo, ry enga-vaokoo,
habobo naho tantele
ty ambane' famele'o ao.
Manahake ty harifondrifo' i Libanone
ty hamañin-tsaro'o.
12 Goloboñe mihily ty zaiko, enga-vaoko.
Loha rano mifahetse,
figoangoan-drano mikapeke.
13 Raketa miregorego soa
o hataen-golobo'oo,
naho voan-katae fanjaka,
mañi-dè mitrao-tseva:
14 Rame miharo ahemañitse,
hazomañitse naho somoroñe,
naho ze hene hatae marifondrifoñe,
mitraoke tsotse naho vahoñe
vaho ze atao hafiriañe.
15 Rano migoangoañe
an-goloboñe ao rehe,

vovon-drano mamy mitsiritsioke
boake Libanone añe.

*Kokoa'e*

16 Mitsekafa ry avaratse, mb'etoy ry atimo! Tiofo i golobokoy,
hampiboeleañe o hamañi'eo.
Ee te hizilik' an-golobo'e ao i kokoakoy hitsopeke o voa'e mafirio.

# 5

*Mpikoko*

1 Fa nimoak' amy golobokoy raho,
ry zaiko, enga-vaoko;
fa natontoko ty rameko
naho o mañi-dèkoo;
fa nihaneko ty papi-tanteleko
naho ty tanteleko;
fa ninomeko ty divaiko
naho ty rononoko.

*Mpirañetse*

Mikamà, ry rañetseo, naho minoma;
minoma am-pidadañe, ry mpikokoo.

*Ipaia' i Kokoa'e Haleñe*

2 Niroro raho fe nañente ty troko.
Inay! Mañonkòñe i kokoakoy:
Sokafo raho ry zaiko, mami'ty fiaiko,
ty dehoko, ginoke tsy aman-kila.
Kotsa' ty zono ty lohako,
ty voloko ami'ty hamandoa' i haleñey.
3 Fa nafahako ty saroko—
mbe haombeko hao?
Fa sinasako o tombokoo—
mbe ho lotoeko hao?
4 Nazili' i kokoakoy ami'ty hiri'
i sikadañey ty fità'e;
vaho nampiponaponake o añ'ovako ao.
5 Niongake raho hanokàfako i kokoakoy,
nitsopatsopake rame o tañakoo,
rame mitsiritsioke o rambo-tañakoo,
amo fitanañ' i sikadañeio.
6 Nisokafeko i kokoakoy,
fe nitolik' ane i kokoakoy, fa nienga;
toe nilesa ty troko amy saontsi'ey;
pinaiko fe tsy nahatrea,
kinoiko fe tsy nanoiñe.
7 Nitendrek' ahy o mpigaritseo,
ie nañariofe' iereo i rovay;
linafa' iereo, vinonotrobo' iereo;
tinava' o mpigari-kijolio i sarokoy!
8 Ry anak' ampela' Ierosalaimeo,
ifantako, naho isa' areo i kokoakoy,
ino ty hisaontsia' areo?

Zaho toiram-pikokoañe.

*Rañe’eo*

9 Mpikoko manao akore i mpikoko azoy,
ry hatrenotrenon’ ampelao?
Mpikoko manao akore i mpikoko azoy,
ie namantok’ anay.

*Kokoa’e*

10 Miloeloe i kokoakoy
mbore volovoloeñe,
miambak’ ami’ty alen-dahy.
11 Volamena hiringiri’e ty añambone’e;
mitaporetaporetse o maroi’eo,
hamaintem-bolon-drelove.
12 Hoe deho añ’olon-torahañe eo
o fihaino’eo,
sinasa an-dronono,
soa fimoneñe am-pitoboha’eo.
13 Hoe tihin-ahemañitse,
kijolin-kamañirañe, o fiambina’eo;
vinda mitsopake rame o soñi’eo.
14 Bodam-bolamena o fità’eo,
ibangoan’ *tarsise,
hoe te nifen-drimo nivàñeñe, niravahañe safira ty fañòva’e.
15 Bodan-tsinihara nandreketam-bolamena ki’e o fandia’eo.
Manahak’ i Libanone ty vinta’e, ami’ ty hasoa’ o mendorave’eo.
16 Loho mamy ty falie’e;
vata’e mahasinda;
ie i kokoakoy naho i rañekoy,
ry anak’ampela’ Ierosalaimeo.

# 6

*Rañe’eo*

1 Nimb’aia i kokoa’oy,
ry maintelèn’ampelao?
Nitsile mb’aia i kokoa’oy,
hindreza’ay fipay?
2 Nizotso mb’an-golobo’e mb’eo
i kokoakoy,
mb’am-pilafiham-pahafiriañe mb’eo, hiarake an-golobo’e ao,
naho hanontoñe o voñem-bindao.
3 A i kokoakoy raho, vaho ahiko re,
ie miarak’ am-baremañitse ao.

*Mpikoko*

4 Hamotsontane rehe, kokoako,
manahak’ i Tirzà,
naho ty hasoa’ Ierosalaime,
amam-bolonahetse hoe lahialen-defoñe
mañonjom-borovoro.
5 Atoliho mb’eo hoekeo o maso’oo,

* **5:14** Tarsise: beryle: vato soa

fa mampivalitaboak’ ahy; manahake ty lia-rain’ose mikararake mañambane i Gilade
mb’eo o volo’oo.
6 Lia-rain’ añondri-vave mionjoñe boak’ ampanasañe ao o nife’oo,
songa reke-pihambañe,
ndra raike tsy jeña.
7 Hoe vakim-boan-draketamena
ty fitendrean’ aoli’o
an-kalo’ o marerarera’oo.
8 Mete ho enempolo ty valim-panjaka,
naho valompolo o sakeza’eo
vaho somondrara tsy fotofoto;
9 fa ihe ry dehoko, ry homozohozo’e,
tsy amañ’ohatse, bako tokan-drene’e,
mitoratsik’ amy nisamak’ azey.
Ie nizoe’ o somondrarao
le natao’ iareo soa-tata,
nandrenge aze ka o valim-panjakao
naho o sakezao.

*Rañe’eo*

10 Ia o miboake hoe t’ie andro manjirikeo? motsotsore
hoe i volan-dorisay,
mikotritriake hoe i àndroy,
mahalatsa hoe valobohòke
mirañoraño an-kobaiñe?

*Kokoa’e*

11 Nizotso mb’añ’ala-vondron-tsakoa
mb’eo raho
hisary o fitirim-bao am-bavataneo,
hañenteako ke mibotiboty o vaheo,
he mamòñe o raketao.
12 Niambovo amako te
navotra’ ty troko an-tsarete ao,
hehe te añ’ilako eo ty roandria.

# 7

*Rañe’eo*

1 Mibaliha, mibaliha, ry nte-Solàme; mimpolia, mimpolia, hisamba’ay azo.

*Mpikoko*

Inom-bao ty angarefa’ areo
i nte-Solamey
hoe te itsinjaha’e i *Mahanaime?
2 Fanjaka o fandia’o mihànao,
ry anak’ ampelan-droandria!
hoe hange nitoloñem-pitàm-pitsene mahimbañe
ty hahomozohozom-pe’o.
3 Fitovy bontoly ty foe’o,
ie le lia’e tsy po-divay milaro;
fitoboron’ ampemba iarikatoham-binda
o arañа’oo.
4 Fanaloke tora’e o fatroa’oo,

* **7:1** Mahanaime: toben-dahindefoñe, he mpitsinjake

ana-kambam-panalon-drene'e.
5 Hoe fitilik'abo aman-tsifan-drimo
ty fititia'o.
O antara' i Kesbone marine' i lalam-bei'
i Bate-Rabimeio o fihaino'oo.
I fitilik'abo' i Libanoney mitolike
mbe Damesèke ty fiantsona'o.
6 Misabaka azo manahake
i vohi-Karmeley ty añambone'o,
le mahasinda i mpanjakay o firandra'eo.
7 Akore ty hatsomerentsere'o
naho ty hatrenotreno'o ry kokoako,
toe mahafale!
8 Mitroatse hoe voanio ty sandri'o,
le mitoboro hoe o voa'eo o fatroa'oo.
9 Aa hoe raho: Hanganiheko i voanioy,
naho ho rambeseko o voa'eo;
fa hanahake ty voam-bahe o fatroa'oo,
naho minday ty harifondrifom-boasare
ty sehaseha'o,
10 Hoe divay fanjaka ty lañilañi'o;
malama ty fisorogoda'e ho a i kokoakoy,
hoe mitsiritsioke mora
am-pivimbim-pirotse.

### *Kokoa'e*

11 A i kokoakoy raho
naho amako ty fañiria'e.

### *Ambara' i Kokoa'e t'i Mpikoko*

12 Antao, kokoako, homb' an-kaloke
mb'eo, hialeñe amo kialoo.
13 Antao hañaleñaleñe
mb'an-tanem-bahe mb'eo
handrèndreke ty fibotibotia' o vaheo,
ke te miborake o voñe'eo,
hera mamolera o raketao;
ao ty hanjotsoako ama'o ty hateako,
ry kokoako.
14 Mañakatse ty hañi'e o vahenamaloo,
hene raha mafiry ty an-tsariran-tikañe eo,
ty vao naho ty haehae,
songa nahajako ho azo, ry kokoako.

## 8

1 Ho ni-soa naho ni-rahalahiko rehe,
i ninono am-patroan-drenekoy!
Ie amy zay, naho nitendrek' ama'o alafe'e ao raho vaho nañorok' azo,
le tsy ho nifosae' ondatio.
2 Ho nikozozoteko mb'añ' anjomban-
dreneko mb'eo,
mb'amy nañoke ahikoy.
ho nampinomeko divay mandrove,

naho ty ron-draketako.
3 Iondana’ ty lohako ty fità’e havia,
vaho mañohoñ’ ahy ty fità’e havana.
4 Afantoko ama’ areo,
ry anak’ ampela’ Ierosalaimeo;
ko mampitsekake fikokoañe
am-para’ te irie’e.

*Figadoña’e: Saontsim-pifampikokoañe Rañe’eo*
5 Ia o mionjomb’etoy
misazok’ amy fikokoa’eio?

*Mpikoko*
Nampivañoneko ambane’ i takokoy rehe; amy nampitsongoa’o i rene’o;
teo ty nitsongoa’ i nahatoly azoy .

*Kokoa’e*
6 Apetaho hoe voli-fitomboke
añ’arofo’o ao raho,
hoe alama am-pità’o eo;
fa mira ami’ty haozaran-kavilasy
ty fikokoañe,
manahake ty hagàñe i tsikeokeokey
ty famarahiañe;
misolebotse o lel’afo’eo,
toe lel’afo milebaleba.
7 Rano tsifotofoto tsy mahasaoke ty fikokoañe; naho
tsy mahaopo aze ty fisorotombahañe;
ie hatolo’ t’indaty ze hene vara
añ’anjomba’e ao hahazoa’e
fikokoañe, le ho vata’e onjirañe.

*Rañe’eo*
8 Manan-jay ampela zahay
f’ie mbe tomoe-nono,
hanoe’ay akore i zai’aiy amy andro
fifofoañe azey?
9 Naho kijoly re le handranjia’ay
fitilik’abo volafoty;
ie lalambey, le harikatoha’ay
varamba-mendoraveñe.

*Kokoa’e*
10 Kijoly raho,
hoe fitilik’abo o nonokoo;
hoe t’ie minday fañanintsiñe
am-pihaino.
11 Nanan-tondam-bahe
e Baale-Kamone ao t’i Selomò;
nafondro’e ama’ ondaty.
Songa mañondroke volafoty arivo
ama’e ty amo voka’eo.
12 Aoloko eo i tanem-bahekoy,
azo ry Selomò i arivoy,

roan-jato ty a o mpañalahala
i voka’eio.

*Mpikoko*

13 O ry mpimoneñe an-goloboñe ao,
te hijanjiñe ty fiarañanaña’o
o mpiamakoo,
ehe ampitsanoño ahy!

*Kokoa’e*

14 Mipitsiha ry kokoakoo,
manahake o fanalokeo naho o farasy
ambone vohitse iregoregoan-kafirio.

# Iesaià

1 I aroñaroñe nioni'Iesaià* ana' i Amotse† ty am' Iehodà‡ naho Ierosalaime§
tañ'andro' i Ozià*, Iotame†, Iakaze‡, naho Iekizkia§ mpanjaka' Iehodà.
2 Mitsanoña ry likerañeo,
manolora sofiñe ty tane toy,
fa mitsara t'IEHOVÀ.
Nañabey naho nampitombo anake raho,
f'ie niola.
3 Apota ty añombelahy ty tompo'e, naho
ty borìke ty lokaloka' i mpanehak' azey;
fe tsy mahafohiñe t'Israele*,
tsy maharendreke ondatikoo.
4 Ry boriza aman-kakeo,
ondaty mijiny tahiñeo, tirim-panao raty,
anake mitolon-kamengohañe!
fa nifarie' iereo t'IEHOVÀ,
nitsambolitio' iereo t'i Masi' Israele,
aliheñe iereo vaho midisa-voly.
5 Ino ty mbe hanilofañe anahareo,
ie mbe mitolom-piola avao?
Marare iaby ty añambone,
hene toirañe ty arofo.
6 Boak'an-dela-pandia pak'añambone'e,
tsy ama'e ty janga, fa fere,
vonotroboke naho bae miborentatse:
tsy nitindrieñe, tsy nibandieñe,
tsy nihosoren-tsolike.
7 Mangoakoake ty tane' areo;
finorototo' ty afo ty rova' areo;
fa nabotse' ty ambahiny añatrefa' areo
ty tane' areo; le koake,
hoe t'ie navalitaboam-pisorotombahañe.
8 Le nengañe hoe kijà an-tetem-bahe ey
ty anak'ampela' i Tsione,
hoe kibohotse an-tanem-bazavo ao,
hoe rova arikatohem-paname.
9 Naho tsy sinisa' IEHOVÀ' i Màroy sehanga'e tikañe, le ho ni-hoe Sedome†,
ho nanahake i Amorà‡.
10 Janjiño ty tsara' IEHOVÀ,
ry mpifehe' i Sedome;
toloro ravembia i Tsaran'
Añaharen-tikañey, ry nte-Amorà.
11 Inoñ'amako o soroñe mitozantozañeo?
Hoe t'IEHOVÀ: Fa mahaetsak'ahy

---

* **1:1** Iesaia: Ty fandrombaha' IEHOVÀ † **1:1** Amotse: Maozatse ‡ **1:1** Iehodà: fandrengea' IEHOVÀ
§ **1:1** Ierosalaime: Aroñarom-panintsiñañe * **1:1** Ozia: ty haozara' IEHOVÀ; ty anak'ose'e † **1:1** Iotame: Ty
Hafonira' IEHOVÀ ‡ **1:1** Iakaze: Mpitavañe § **1:1** Iekizkia: ty hafatrara' IEHOVÀ * **1:3** Israele: mpifanehak'
aman' Añahare † **1:9** Sedome: ty tsikotsiko'e; ty simà'e ‡ **1:9** Amorà: Ondaty miola

o añondrilahy engaeñe horoañeo,
naho o safom-biby vinondrakeo;
tsy mahafale ahy ty liom-bania
ndra o vik'añondrio,
ndra o añondrilahio.
12 Ie mb'etoa nahareo hiatrek' amako,
ia ty nipay am-pità' areo te
ho lialià' areo o kiririsakoo?
13 Ko añenga'areo raha koake ka;
ie enga tiva amako;
O jiribolañeo, o Sabatao§,
o fivory koiheñeo:
Tsy leoko o fivori-miavake
milaro haratiañeo.
14 Heje' ty troko o jiri'bola' areoo
naho o takataka-tinendre' areoo;
Ie manosots' ahy, hejeko ho vaveñe.
15 Naho amelara'areo tañañe,
le ho takonako ty masoko;
Eka ndra t'ie mitolon-kalaly,
tsy ho tsanoñeko, fa pea lio o fità' areoo.
16 Miandroa, miliova;
asitaho tsy ho aolo' masoko
ty halò-tserem-pitoloña' areo;
mijihera amo fanoañe ratio.
17 Mianara hanao ty soa; tsoeho ty hato,
avotsoro o forekekeñeo,
omeo to ty bode rae,
mihalalia ho a o vantotseo.
18 Antao hisafiry arè, hoe t'Iehovà:
ndra te mena mandofiry ty hakeo' areo,
le ho foty matsatsaoke;
ndra t'ie mena mañabasà,
le hanahake volon'añondry.
19 Ie miato naho tsy manjehatse,
ro hikama ty hasoa' i taney.
20 F'ie mandietse vaho miola,
le habotse' ty fibara;
zay ty nitsaraem-palie' Iehovà.
21 Akore te nanjare karapilo
i rova matoey!
ie nilifotse ty hatò,
nimoneñe an-kavañonañe,
te mone mpañoho-doza henaneo.
22 Fa tai'e avao ty volafoti'o,
botsa-drano ty divai'o.
23 Mpikitro-karatiañe o ana-dona'oo,
mpirañetse ami'ty malaso;
songa mpitea vokàñe
naho mpañori-tambe;

§ **1:13** Sabata: andro faha-fito, naho toe i fito nifotoañañe ami'ty taoñe rey

tsy mea' iereo to ty bode rae,
vaho tsy atrefe' iareo ty entam-bantotse.
24 Aa le hoe t'i TALÈ, IEHOVÀ' i Màroy,
i Hafatrara' Israeley:
Hete! Hafahako amako o rafelahikoo,
vaho ho valèko o malaiñe ahikoo;
25 Le hahimpako ama'o ty tañako,
naho ho lioveko hoe amañ'asidra
ty taim-bi'o,
vaho hafahako iaby o kanki'oo;
26 Le hampoliko o mpizaka'oo
manahake tam-baloha'e añe,
naho o mpanolo-keve'oo
hambañe am-pifotora'e añe:
vaho hatao ty hoe rehe:
Rova-Kavantañañe, Posetse Matoe.
27 Ho jebañeñe ami'ty hatò ty Tsione,
naho an-kavantañañe o aze mimpolio.
28 Fe hitrao-pirotsahañe
o mpanan-kakeo naho mpanan-tahiñeo,
vaho ho hotomomoheñe
ze mienga IEHOVÀ.
29 Toe hisalara' iereo o kile nisalalaeñeo,
vaho himeñara' areo o goloboñe nivihañeo.
30 Hanahake ty kile
aman-drave'e miheatse nahareo,
naho hoe goloboñe tsy aman-drano.
31 Ho pipìke ty maozatse,
ho tsipelats'afo o tolon-draha'eo;
hiharo hiforehetse iereon-droroe,
le tsy eo ty hampikipeke.

# 2

1 Ty tsara nioni' Iesaia ana' i Amotse
ty am' Iehodà naho Ierosalaime:
2 Ho tondrok' amo andro honka'eo te haoreñe ankaboa' o vohitseo
ty vohin-anjomba' IEHOVÀ,
honjoneñe ambone' o haboañeo;
vaho hikovovoke mb'ama'e mb'eo
ze kilakila ondaty.
3 Maro ty rofòko homb'eo hanao ty hoe:
Antao, hionjoñe mb'ambohi' IEHOVÀ,
mb'añ'anjomban'Añahare' Iakobe*;
hañòha'e antika o lala'eo,
hañaveloan-tika o oloñolo'eo;
amy te hionjoñe boake Tsione ao
ty Hàke,
naho boak' Ierosalaime ao
ty tsara'IEHOVÀ.
4 Ie ty hizaka añivo' o kilakila' ndatio,
naho hifandahatse ami'ty maro;

* **2:3** Iakobe; mpisolo am-pamañahiañe

le ho pehe' iareo ho lelan-dasarý
o fibara' iareoo
naho ho fibira miporengotse,
o lefo' iareoo;
tsy hifañonjom-pibara
ami'ty fifeheañe ty fifeheañe
vaho tsy hioke hialy ka.
5 O ry anjomba' Iakobeo, mb'etoy, hañaveloan-tika ami'ty fireandrea' IEHOVÀ.
6 Fa naforintse' ondati'oo i anjomba' Iakobey
fa àtsake ty sata' o tatiñanañeo iereo,
naho o mpisikily manahake
o nte-Pilistioo†,
vaho mifañoho-pitàñe
amo anan'ambahinio.
7 Pea volafoty naho volamena
ty tane' iareo;
tsifotofoto ty vara'e,
tsitsike soavala ka ty tane' iareo,
tsy vatse iaheñe o sarete'eo;
8 Lifo-tsamposampo ka ty tane' iareo;
italahoa'iareo o satam-pità' iareoo,
o fitolon-drambom-pità'eo.
9 Nafotsake ty fokonontsoa,
narèke ondatio;
aa le ko ihevea'o.
10 Mimoaha am-bato ao,
mietaha an-debok' ao,
am-pirevendreveñañe am'IEHOVÀ,
naho ami'ty enge' i volonahe'ey.
11 Hareke ty fiebotsebo' ondatio,
havokok' ambane ty fibohabohà'ondatio,
IEHOVÀ avao ro honjoneñe
amy andro zay.
12 Fa manañ'andro amo mpirengevokeo
naho amo mpitahebokeo
t'IEHOVÀ' i Màroy
naho amy ze hene mitoabotse;
fa songa harèke;
13 naho amo mendorave'
i Lebanone‡ iabio,
o miligiligy amboneo,
naho amo kile' i Basane§ iabio,
14 naho amo vohitse abo iabio,
naho amy ze hene haboañe mionjoñe,
15 Naho amo tilik'abo iabio,
naho amo fahetse matahetseo,
16 Naho amo hene sambo' i Tarsiseo,
vaho amo sare mahafalefaleo.
17 Habotreke ty fitoabora' ondaty,
le haketrake ty fitrotroabora'ondatio;

† **2:6** Pilisty: Mpimoneñe an-kialo ‡ **2:13** Lebanone: rame foty § **2:13** Basane: am-pamotsy ao; ami'ty tsifa ao

IEHOVÀ avao ty honjoneñe amy andro zay.
18 Vata'e hasiots'añe o hazomangao.
19 Himoak' an-davan-damilamy ao ondatio, naho an-dakato an-tane ao,
ami'ty fañeveñañe am' IEHOVÀ,
naho ami'ty engem-bolonahe'e,
ie hiongake hañozoñozoñe ty tane toy.
20 Amy andro zay, le haria' ondatio
amo sorao naho amo kananavio
o hazomanga volafoty naho
o hazomanga volamena
nitsenè' iareo ho fitalahoañeo.
21 Hitsifira'e an-tseram-bato ao,
naho am-bato tringitringieñe ao,
amy fihondrahondra'e am' IEHOVÀy,
naho amy engem-bolonahe'ey,
ie miongake hañozoñozoñe ty tane toy.
22 Ko iatoa'o ondatio,
o mikofòk' an-doak'oro'eo:
fa ho volilien-ko inon-dre?

# 3

1 Hehek' arè te
afaha' IEHOVÀ TALÈ' i màroy
am' Iehodà naho am' Ierosalaime
ty fitoñoñe naho ty kobay,
ze mahakama an-driha ao iaby,
naho ze hene haja rano,
2 Ty fanalolahy naho ty lahindefoñe,
ty mpizaka naho ty mpitoky,
ty mpisikily naho ty androanavy,
3 Ty mpifeleke limampolo
naho ty manan-kasy,
ty mpanolo-kevetse,
ty kalitake vaho
ty mahay lañonañe.
4 Ho tolorako ajaja ho roandria'e,
ho felehe' o anak'ajajao iereo.
5 Ho forekekèñe ondatio,
sindre ondaty ami'ty ilae'e,
songa ami'ty rañe'e
hijiajia amo androanavio ty ajaja,
naho amo vañoñeo ty tembo.
6 Le hangazoñe t'indaty ty rahalahi'e
añ'anjomban-drae'e ao:
Manan-tsikin-drehe: feheo zahay,
le angao ho ambane' fità'o eo
ty fianto toy.
7 Hifanta amy andro zay re:
Zaho tsy ho mpanaha;
amy te tsy ama-mahakama
ndra saroñe ty an-trañoko ao,
aa le ko ampifehè'o ahy ondatio.

8 Amy te nikoletra t'Ierosalaime
nihotrake t'Iehodà: songa mandietse IEHOVÀ
ty fameleke naho ty fitoloñañe,
hanigike o fihainon-enge'eo.
9 Manisý iareo ty vintan-dahara' iareo;
ie misenge hakeo manahak' i Sedome, tsy aeta' iareo.
Hekoheko amo tro' iareoo,
fa nikai-kankàñe am-bata'e.
10 Misaontsia amo vantañeo ty hoe, Soa!
fa ho kamae'e o vokam-pitoloña'eo.
11 Feh'ohatse amo lo-tserekeo: ho silofeñe:
fa havahañe ama'e o satam-pità'eo.
12 Le ty am'ondatikoo, ty ajaja ro TALÈ'e,
naho ampela ro mpifeleke.
O ry ondatikoo, ampandilare'
o mpifehe'areoo,
abotse'iereo o lala ho norihe'areoo*.
13 Miongake t'IEHOVÀ hitaroñe,
mijohañe eo hizaka ondatio.
14 Ho zakae' IEHOVÀ
o androanavi'ondati'eoo
naho o roandria'eo;
Amy te nabea' areo
i tanem-balobokey;
añ'anjomba'areo ao o tinavañe
amo rarakeo.
15 Ino ty atao' areo,
kanao mampidemoke ondatikoo,
vaho mandisañe ty lahara' o rarakeo?
hoe ty nafè' IEHOVÀ TALÈ' i màroy.
16 Mbore tinovo' IEHOVÀ ty hoe:
Kanao mitoandratoandra
o anak'ampela' i Tsioneo,
naho miebotsebotse
am-bozo midagarìtse
naho ama-maso mikiroke,
ie mitsapiotsapiok' am-piotroñañe,
vaho am-pikantsakantsañañe
ty tombo' iareo,
17 le ho silofe' i TALÈ lañao
ty an-gadon-doha'
o anak'ampela' i Tsioneo†,
vaho habora' IEHOVÀ ty fimeñara' iareo.
18 Hafaha' i TALÈ amy andro zay
o mohara soa' iareo mikorìñeo,
o ravak' an-doha'eo,
o tsiandetse bontolio,
19 o rojoo, o bangebangeo
o saron-doha mihofahofao,
20 o satro-beio, o ravam-pandiao,
o ravan-dohao,

* 3:12 Ies 9:16 † 3:17 Tsione: Fitiahiañe; naonjoñe; lonake

o fibandian'arañañeo, o kiviroo,
21 o bangeo naho o kavin' oroñeo,
22 o saravio, naho o salampiñeo,
o kitambio
naho o haro-pitintiñañeo,
23 o hetsoroo, o lamba leny marerarerao,
o sabakao vaho o tsingarakarakeo.
24 Ho tondroke te ho limbeze' ty fitrotrotse ty harifondrifoñe;
handimbe ty fiètse ty hàfotse;
handimbe ty volo mirandra ty loha peake;
handimbe ty marerarera ty gony;
hisolo ty montramontra ty soba.
25 Ho zamaneñe am-pibara o lahilahi'oo,
an-kotakotak' ao o lahindefo'oo.
26 Handala naho hangolololoike
o lalam-bei'eo;
ho farien-dre le hitozoke an-tane eo.

# 4

1 Amy andro zay, ho fihine' ty rakemba fito ty lahilahy, hanao ty hoe:
Ty mahakama'ay avao ty ho kamae'ay,
naho ty saro'ay avao ty hiombea'ay;
fe angao ho tokaveñe ami'ty tahina'o
zahay, hañafahañe ty hasalara'ay.
2 Ho fanjàka naho hanañ'engeñe
ty tora-mionjo' IEHOVÀ amy andro zay,
vaho ho fisengeañe naho volonahe'
ty nibotitsike am'Israele* ty voka' i taney.
3 Ho tondroke te hatao miavake
ze sehanga'e amy Tsione ao naho
ze honka'e am' Ierosalaime ao,
eka, ze hene sinokitse ho veloñe
e Ierosalaime ao,
4 ie fa sinasa' i TALÈ
amo anak'ampela' Israeleo
ty haleora'e;
naho fa nimongore'e ty lio'
Ierosalaime boak' añ'ate'e ao
ami'ty arofon-jaka naho
ami'ty arofom-piforehetañe.
5 Le hanoe' IEHOVÀ ambone'
ze akiba ambohi' i Tsione eo naho
ambone' o firimboña'eo ty rahoñe
an-katoeñe te handro,
vaho ty fireandreañ' afo milebaleba te haleñe;
le ho ey ty lafike† ambone' o engeñe iabio.
6 Le ho eo ka ty bandrabandra naho antoandro amy hatrevohañey,
naho fipalirañe vaho fitampinañe
ami'ty tio-bey naho amo orañeo.

* 4:2 Ioe 3:5, Oba 1:17 † 4:5 Heb: Hopa: fialofa'e naho i engavao'ey

# 5

1 Ho bekoeko i kokoakoy,
toe beko' i rañeko,
ty amy tanem-balobo'ey,
Aman-tanem-bahy ankaboan-
kobokara añe i kokoakoy.
2 Nitrabahe'e, nahoro'e boak'ao o vato'eo,
naketsa'e ao ty vahe soa-joboñe,
rinanji'e tilik'abo an-teñateña ao,
vaho nitsenea'e fipiritan-divay:
le nitamà'e valoboke,
f'ie namokatse valoboke vìlañe.
3 Ie henane zao ry mpimoneñe e
Ierosalaime ao, ry ondati' Iehodào,
ihalaliako : mizakà añivoko naho
i tondam-balobokoy.
4 Ino ka ty hanoako
amy tetem-bahekoy,
ze mboe tsy nanoako?
Ie nitamàko hamokatse valoboke
soa, ro nañomey valoboke lo?
5 Aa ie zao, hampahafohineko anahareo
ty hanoako amy tanem-bahekoy;
hombotako i fahe'ey, le horoañe;
le harotsako ambane i kijoli'ey,
ho lialiàñe.
6 Hampangoakoaheko,
tsy ho birabiraeñe, tsy havaeñe ka;
fa hitirian-kisatse naho fatike:
ho lilieko ka o rahoñeo
ty tsy hampahavy orañe.
7 Ty anjomba'Israele,
ty tondam-bahe' IEHOVÀ' i Màroy,
ondati' Iehodào, i hatae ifalea'ey,
nipay to re fe nizò fanjamanañe;
nitsoeke havañonañe fe inao ty kaikaike.
8 Hankàñe amo mampifanoitoy
kibohotse an-kivoho,
naho tonda toien-tetekeo,
ampara' t'ie tsy malalake,
vaho bangy rehe añivo' i taney.
9 Amo sofikoo ao! hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
Toe maro ty anjomba ho kòake,
ty jabajaba naho ty fanjaka
tsy ho ama' ondaty.
10 Eka, hamokatse sajoa raike
ty tanem-bahe folo lasarý,
le hahafoe tsikotoke raike
ty tabiry zahetse raike.
11 Hekoheko amo mitroatse handro
hitolon-kamamoañeo;
o mihenekeneke halem-bey

ampara' t'ie solebaren-divaio.
12 Amo takataka' iareo
ty marovany naho ty mandolina,
ty fikantsakantsàñe vaho ty divay:
fe tsy oni'iareo ty sata' IEHOVÀ,
mbore tsy ereñere' iareo
o fitoloñam-pità'eo.
13 Aa le misese mb'an-drohy ondatikoo,
amy te po-hilala,
salikoeñe o androanavi' iareoo,
vaho miforejeje ami'ty hataliñiere'e
ty valobohò' iareo.
14 Aa le nienatse ty fañiria' i tsikeokeokey,
nigorobahe'e ty vava'e tsy taka-zeheñe;
hijoloboñe ao ty enge' iareo,
ty fivoamboa'e, ty fikoraha'e,
rekets' i mirebekey.
15 Haketrake ty fokonon-tsoa,
harèke ty fanalolahy,
vaho hampiambaneañe ty fihaino'
o mievotsevotseo:
16 Ty hatò ro añonjonañe
IEHOVÀ' i Màroy,
ty havañonañe ro añamasiñañe
i Andrianañahare Masiñe.
17 Hierañerañe am-piandrazañe ao
o anak'añondrio,
naho hihinañe amo tete-
lovodovo' o vondrakeo ty mpirererere.
18 Feh'ohatse amo mpikozozo-kakeo
an-taly hòakeo,
naho o tahiñeo hoe an-talin-tsarete:
19 Ie manao ty hoe: Ee t'ie halisa,
hanaentaeñe i fitoloña'ey,
hahaoniña'ay aze,
le ee te hitotoke eo ty fanoroa'
i Masi' Israeley
homb'etoy hahafohina'ay Aze!
20 Hekoheko ami'ty manao te raty ty soa, naho soa ty raty,
o misolo ty ieñe ho hazavàñe
naho ty hazavàñe ho ieñeo;
o manao ty mafaitse ho mamy
vaho ty mamy ho mafaitseo.
21 Hankàñe amo mahihitse
am-pahaoniña'eo*,
naho o mahilala am-pahaisaha'eo!
22 Feh' ohatse o fanalolahy am-pinon-divaio, naho ondaty maozatse
am-pampilaroañe toakeo;
23 ie mañatò ty lo-tsereke
hahazoam-bokàñe

---
* **5:21** Rzs 3:7

vaho mañafake ty havañona’
o vantañeo!
24 Aa le manahake ty fipiloran-afo
ty ahetse,
naho ty fampibotseha’ ty lel’afo
ty kafokafo’e,
ty hañamomohañe ty vaha’ iareo,
vaho hiboele hoe deboke o voñe’ iareoo;
fa napo’ iareo ty Hà’ IEHOVÀ’ i Màroy,
naho nimavoe’ iareo
ty nafè’ i Masi’ Israeley.
25 Toly ndra miforoforo am’ ondati’eo
ty haviñera’ IEHOVÀ,
naho natora-kitsi’e am’ iereo ty fità’e,
naho trinabotrabo’e;
nihondrahondra iaby o tambohoo,
natao litsake an-dalambey eo
ty lolo’ iareo.
Amy hoe zay iaby
mbe tsy nivike ty haviñera’e,
vaho mbe mihity avao ty fità’e.
26 Hañonjo kobaiñe amo kilakila ondaty tsietoitaneo Re,
naho hifioke ama’e boak’
añ’olo-ty tane toy añe, le hehe,
hiherereake mb’etoy masika.
27 Tsy ho am’ iereo ty ho mokotse
ndra hitsikapy;
tsy eo ty hiroro ndra hirotse;
tsy habalake ty sadiam-bania’ iareo,
vaho tsy hianto ty fihilin-kana’ iareo;
28 Masioñe o ana-pale’eo,
fonga mivohotse o fale’eo,
hoe vato-pilake o tombon-tsoavala’eo,
vaho talio o larò’eo;
29 Hirohake hoe liona vave iereo,
hiroharoha hoe anan-diona,
Eka, mitrè iereo mitsepake i horoñeñey,
naho hendese’e añe,
ie tsy amam-pandrombake.
30 Hitròñe amy andro zay iereo, manahake ty fitròña’ i riakey,
ie mahaisake i taney,
heheke ty hamoromoroñañe,
naho faloviloviañe,
ndra i hazavañey
ro ampigodoñen-drahoñe.

# 6

*Ty Vohi’IEHOVÀ*

1 Tamy taoñe nihomaha’ i Oziày, le nitreako miambesatse am-piambesatse abo
naho nonjoneñe t’i TALÈ vaho nahaatseke i anjombay ty saravi’e. 2 Nijohañe

ambone'e ey o seràfeo*; songa aman' elatse eneñe, ty roe nanakoñe ty lahara'e, ty roe
nanaroñe o fandia'eo vaho nitiliñe ty roe. 3 Ie nifampikoike ty hoe : Masiñe, masiñe,
masiñe, t'IEHOVÀ' i Màroy; lifotse ty enge'e ty tane bey toy. 4 Nampiezeñezeñe o
tokonañeo i feon-koikey, vaho natsafe' ty hatoeñe i anjombay.
5 Le hoe raho, Hankàñe amako, rebake, fa ondaty maleo-tsoñy, vaho añivo' ondaty
maleo-pivimby ty itobohako; fa nahatrea i Mpanjakay, IEHOVÀ' i Màroy, o masokoo.
6 Nitiliñe mb' amako amy zao ty seràfe ninday vato mirekake am-pità'e, ie rinambe'e
an-tsadrò boak'amy kitreliy ao, 7 le natoho'e ami'ty soñiko naho nanao ty hoe: Hehe,
tinoho' ty raha toy o fivimbi'oo, vaho finaoke o tahi'oo.
8 Tsinanoko ka ty fiarañanaña' i TALÈ nanao ty hoe: Ia ty hiraheko, vaho ia ty
homb'eo ho anay? Le hoe raho: Intoy raho; iraho! 9 Le hoe re: Akia, le saontsio
am'ondaty retoañe:
Toe mijanjiñe nahareo fe sy mahafohiñe,
mañente fe tsy mahaoniñe.
10 Ampibobòho ty arofo' ondaty retoa,
le ampivalagìño o ravembia' iareoo,
akipeo o fihaino' iareoo;
tsy mone hahaisake o fihaino' iareoo,
naho hitsendreñe o ravembia' iareoo,
naho hahafohiñe o arofo' iareoo,
vaho himpoly ho jangañeñe.
11 Le hoe raho:
O TALÈ, pak'ombia?
Le hoe ty natoi'e:
Ampara' te kòake o rovao
tsy amam-pimoneñe,
naho tsy ama'ondaty o anjombao,
vaho vata'e ratraratra i taney,
12 ie fa naveve' IEHOVÀ añe ondatio,
vaho maro ty toetse hoakoake
añivo' i taney.
13 Aa ndra te i faha-folo'ey ro sehanga'e,
mbe habotseke avao;
fe manahake te mbe eo ty foto'
o mendoraveñeo naho o kileo
t'ie firaeñe,
le i tiry miavakey ty ho foto'e.

# 7

1 Tondroke tañandro' i Akhaze ana' i Otame, ana' i Ozià, mpanjaka' Iehodà, te
nionjoñe haname Ierosalaime t'i Retsine* mpanjaka' i Arame† naho i Pèkae‡ ana' i
Remaliàho§, mpanjaka' Israele, f'ie tsy naharotsake aze. 2 Natalily amy anjomba' i
Davidey ty hoe: Nitraok' amy Efraime t'i Arame. Le ninevenevetse ty arofo'e naho
ty arofo' ondati'eo, manahake ty fañezeñezeñan-tioke o hatae añ'alao.
3 Aa le hoe t'IEHOVÀ am'Iesaià, Akia henaneo, mifanalakà amy Akhaze, ihe naho i
Sear'iasobe* ana'o, am-pigadoña' ty talaha' i antara amboney, an-damo' i tondam-
panasay eo; 4 le isaontsio ty hoe:
Mitaoa, mianjiña, ko hembañe,

---

* **6:2** Serafe: anjely ambane' lohà' o kerobeo * **7:1** Retsine; mpañitrike talily; soa fisatria † **7:1** Arame: enge, ty mpamañahy; fatse ‡ **7:1** Pekae: i mpanokakey; ie midada § **7:1** Remialaho: ty fañonjonañe IEHOVÀ
* **7:3** Sear'iasbe: himpoly o nisisao

ko mangonotse
ty amy foroha mahatoeñe roe rey,
ami'ty fidabadoà' i Retsine
rekets' i Arame,
naho ty ana' i Remaliaho.
5 Amy fikiniàn-draty nanoe' i Arame
naho i Efraime
vaho ty ana' i Remaliaho ama'oy,
ami'ty hoe:
6 Antao hionjoñe haname Iehodà,
hampalovilovy aze,
hamakian-tika jeba
vaho hatroan-tika ty ana' i Tabeale†
ho mpanjaka añivo'e ao.
7 Hoe t'Iehovà Talè: Tsy hitroatse re,
vaho tsy ho tondroke zay.
8 I Damesèke‡ ty loha' i Arame,
I Retsine ty loha' i Damesèke;
(le añate ty taoñe enem-polo
lim' amby ty hikorovoha'
i Efraime tsy ho ondaty ka;)
9 Fehe' i Someròne§ t'i Efraime,
le fehè' ty ana' i Remaliaho ty Someròne.
Aa naho tsy gañe ty fatokisa'areo,
le toe tsy hioreñe.
10 Aa le nitsara amy Akhaze indraike t'Iehovà nanao ty hoe:
11 Mihalalia viloñe am'Iehovà Andrianañahare'o;
ke ami'ty halale' i tsikeokeokey,
he ami'ty haabo i likerañey.
12 Aa hoe t'i Akhaze: Zaho tsy hihalaly, tsy hitsoke Iehovà. 13 Aa le hoe re:
Janjiño arè ry anjomba' i Davide :
Loho kede ama'areo hao ty hanosotse ondaty, kanao tsohe' areo ka
ty fahaliñisan' Añahareko?
14 I Talè arè ro hanolo-biloñe anahareo:
Heheke! hiareñe i somondraray,
naho hitoly ana-dahy,
vaho hatao'e Imanoele* ty añara'e.
15 Habobo naho tantele ty ho hane'e
ampara' te fohi'e ty mikiho ty raty,
vaho hijoboñe ty soa.
16 Aolo' ty haharendreha' i ajajay
ty hitribahatse ty raty, hijoboña'e ty soa,
le ho farieñe ty tane' i mpanjaka roe irevendreveña'o rey.
17 Hasese' Iehovà ama'o naho am'ondati'oo
naho aman' anjomban-droae'o
ty mpanjaka' i Asore,
ami'ty andro mbe lia'e tsy nifetsake sikal'ami'ty nienga' i Efraime t'Iehodà.
18 Ho tendreke amy andro zay

† 7:6 Tabeale: Andrianañahare soa ‡ 7:8 Gony pea lio; hoe afo mirebareba § 7:9 Somerone: vohi-pijilovañe
* 7:14 Imanoele: Andrianañahare-Amantika

te ho tiofe' IEHOVÀ i laletse
añ'olo' i saka' i Mitsraimey†
naho i rene-tantele an-tane' i Asorey.
19 Homb'eo iereo hipetake
amo goledoñe bangiñeo naho
an-tsifi' o vatoo naho
amy ze atao fatike vaho
amo tane fiandrazañe iabio.
20 Amy andro zay, le ho hitsifa' i TALÈ
ami'ty fiharatse nikaramae'e boak' alafe' i Sakay añe,
(i mpanjaka' i Asorey 'nio),
ty maroin'añambone naho ty volon-tomboke, vaho hafaha'e ka ty tanteahetse.
21 Ho tondroke amy andro zay te
hihare kiloa raike
naho añondry roe t'indaty;
22 Eka, ho tendreke te,
ami'ty hamaro ronono homei'e
le hikama deron-kabobo re;
toe hikama habobo naho tantele
ze hene sehanga'e amy taney.
23 Ho tondroke amy andro zay te ze toetse amam-bahem-baloboke arivo,
mañeva volafoty arivo,
ty ho hisatse naho fatike avao.
24 Hinday fale rekets' ana-pale
ze homb'eo, amy te
ho ropiteke naho fatike avao i taney.
25 Ze hene tamboho nitrabahe' ty fangaly taolo le tsy homba'o ami'ty fatahora'o fatike naho ahe-draty,
le ho fiandrazan' añombe
naho fandialiàn' añondry ty ao.

# 8

1 Le hoe t'IEHOVÀ amako: Mandrambesa takelake bey vaho sokiro an-tsokitse lahi'e ty hoe:
Malisa ty fikopake,
masika ty tsindroke,
2 le ho rambeseko ho amako
ty valolombelo matoe hamolily,
i Orià* mpisoroñe
naho i Zekarià† ana' Ieberekiaho‡.
3 Aa le nimb'amy rakemba mpitokiy raho; niaren-dre vaho nisamak' ana-dahy.
Le hoe t'IEHOVÀ amako, Itokavo ty hoe Maher-salal-kas-baze§ , 4 amy te aolo' ty
aharendreha' i ajajay ty hikoike ty hoe 'Raeko' naho 'Reneko,' le fa nasese' i
mpanjaka' i Asorey añe ty vara' i Damesèke naho ty fikopahañe i Somerone. 5 Nitsara
amako indraike t'IEHOVÀ nanao ty hoe:
6 Kanao nitsambolitio'ondaty retiañe
ty rano' i Siloake* mitsiritsioke moray,
vaho mirebeke amy Retsine

† **7:18** Mitsraime: Egipte, mpamorekeke * **8:2** Orià: IEHOVÀ ro fañiloko † **8:2** Zekarià, he Zakarià: ty fitiahiañe IEHOVÀ ‡ **8:2** Ieberekiaho: mitongaleke am' IEHOVÀ § **8:3** Maher-salal-kas-baze: oniño ty and. 1 * **8:6** Siloake, tsampa, fialia, kalan-defo

naho ty ana’ i Remaliaho;
7 Inao arè te hampandipore’ i TALÈ am’iareo ty rano’ i Saka
maozatse naho beiy:
i mpanjaka’ i Asorey amy ze hene enge’e; hanginahina amo talaha’e iabio,
hitoabotse ambone’ ze hene fitroara’e;
8 Hifaoke mb’e Iehodà re,
handopatse vaho hiranga mb’eo,
Eka ho takare’e ty fititia; hibànatse hañatseke i tane’oy
ami’ty fivela’ o ela’eo, ry Imanoele.
9 Mijeñajeñafa ry ondaty; Midemoha!
Manolora ravembia,
ry an-tsietoitane añe;
miteveha sadia f’ie ho demoheñe;
misadia fe ho demoheñe;
10 Misafiria safiry, fe tsy hanjofake;
mañotsohotso firefeañe, f’ie tsy hijadoñe
fa ama’ay t’i Andrianañahare.†
11 Nametse amako t’IEHOVÀ
am-pità’e maozatse,
nañeretse ahy tsy hanjotike
ami’ ty lala’ ondaty retiañe, ami’ty hoe:
12 Ko ano ty hoe: ‘Kilily,’
o raha iaby atao’ ondaty
retiañe ho fikililiañeo;
ko hembañe’o ty fihembaña’ iareo,
le ko ihebakebaha’o.
13 Hamasiño t’IEHOVÀ’ i Màroy,
ie ty ihembaña’ areo,
ie ty añeveña’ areo.
14 Ho fitsolohañe re,
fe ho vato fikotroforañe
naho lamilamy fitsikapiañe
amy anjomba roe’ Israele rey;
ho fandrike naho koboñe
amo mpimoneñe e Ierosalaimeo.
15 Hitotohitse ty maro, hikorovoke
ho sèrañe, ho fandriheñe vaho ho tsepake.
16 Vahoro i fañinay,
liteo ho a o mpiamakoo ty fañòha’e.
17 Le handiñe IEHOVÀ raho,
I mañeta-daharañe amy anjomba’
Iakobey: Ama’e ao ty fitamàko.
18 Intoy raho naho o anake natolo’
IEHOVÀ ahikoo!
Viloñe naho halatsañe e Israele atoy
boak’ am’ IEHOVÀ’ i Màroy,
I mimoneñe am-Bohi-Tsioney.
19 Ie sigihe’iereo ami’ty hoe: Ipaiao amo jinio naho amo doany miñeoñeoñe naho
mitreontreoñeo; Aa tsy ho paiae’ ondatio hao t’i Andrianañahare’e? Hantsaka
fañahin-dolo hao o veloñeo? 20 Mb’an-Kàke naho i fañinay! Naho tsy milahatse

† **8:10** Heb: Imano El

ami'ty tsara toy ty enta' iareo, le tsy nanjirihan' andro. 21 Hiranga aze iereo, am-
poheke naho hasalikoañe, aa ie milingoa, le ho boseke vaho hamatse i mpanjaka'
iareoy naho ty 'ndrahare' iareo. Aa ke hiandrandra iereo, 22 hera hitolike an-tane,
le haronje am-paloviloviañe naho am-pigodoñañe, an-kamoromoroñañe naho an-
kaferenaiñañe vaho añ' ieñe ao.
23 Ie amy zao, tsy ho an-kamoromoroñañe ao ka i naloviloviy;
nimavoe'e ty tane' i Zebolone
naho ty tane' i Naftale te taolo,
fe honjone'e ty enge'e añ'andro añe,
le hampilifore'e volonahetse
ty an-dala' i riakey, alafe' Iordaneiy‡
amy Galilà§' o kilakila' ndatioy.

# 9

1 Mahaoniñe failo ra'elahy
ondaty midebedebe añ'ieñeo;
mireandreañe amo mpimoneñe
an-kamoromoroñañeo i hazavàñey.
2 Fa nampitomboe'o i fifeheañey,
fa nonjone'o ty firebeha' iareo;
mandia-taroba ama'o iereo manahake
ty hafaleañe an-tsan-kavokarañe,
naho ty firoharoha' o lahindefoñe
mizara ty nikopaha' iareoo.
3 Fa pinoza'o i joka fijinia'ey,
naho ty boda an-tsoro'e eo,
vaho ty kobaim-pamorekeke aze,
manahake tañ'andro' i Midiane*.
4 Le ze hana nikodokodoy
am-pidabadoà'e,
ze saroñe navarimbariñ'an-dio,
le hatao firehetse, fanodorañ'añ'afo.
5 Fa samake ho antika ty Ajaja,
natolots'antika ty Ana-dahy,
antsoro'e eo ty fifeheañe;
ty fanoñonan-tahina'e le:
Mpañoke Fanjàka,
Andrianañahare Tsitongerè,
Rae Nainai'e,
Roandrian-kanintsiñe.
6 Tsy ho modo ty fitomboa' i
fifeleha'ey naho ty fierañerañañe
amy fiambesa' i Davidey
naho amy fifehea'ey†,
hañoreñ' aze vaho hampijadoñe aze
an-kavantañañe naho havañonañe,
henane zao ho nainai'e donia;
ty fahimbaña' IEHOVÀ' i Màroy
ro hañeneke zay.

‡ **8:23** Iordane : sakam-pizakañe § **8:23** Galilà : larò; fivarimbariñañe * **9:3** Midiane: zaka; saroñe † **9:6** Ies 16:5, Sab 2:1-12,45:6, Mik 5:2, Lk 1:32

7 Nañitrike tsara am'Iakobe t'i Talè
le nivotrak' am' Israele eo.
8 Fohi' ze hene ondaty;
toe i Efraime vaho o mpimoneñe
e Someroneo,
ie manao am-pirengevohañe naho
fitrotroabohañe ty hoe:
9 Fa nirotsake o birìkeo,
f'ie ho rafite'ay am-bato vinàñe;
fa finira o sakoañeo,
f'ie ho soloa'ay mendoraveñe.
10 Aa le hatroa' Iehovà o rafelahi'eo
hiatreatre i Retsine;
vaho havitra'e ho raike o malaiñ'azeo,
11 ho atiñanañe ey o nte-Arameo
naho ahandrefañe ey o nte Pilistio‡;
vaho habotse' iareo am-palie mitañatañа t'Israele.
Ie amy zay iaby mbe tsy mivio
ty haviñera'e,
fa mbe mitora-kitsy ty fità'e.
12 Fe mboe tsy mitolike amy
Mpandafa' iareoy ondatio,
vaho mboe tsy nitsoehe' iareo
t'Iehovà' i Màroy.
13 Aa le ho kitsife' Iehovà
ami'ty andro raike
ty loha naho ty rambo' Israele,
ty ran-tsatrañe naho ty vinda.
14 Ty androanavy naho ty iasiañe
ro lohà'e;
ty mpitoky mañòke vande:
ie ty rambo'e.
15 Amy te mampandilatse ondaty retoa
o mpinday iareoo§;
vaho najoroboñe o endese' iereoo;
16 Aa le tsy ifalea' i Talè o ajalahi'iareoo,
vaho tsy ho tretreze'e
o bode-rae naho vanto' iareoo;
fa songa tsy aman-Kake, tsy vokatse,
fonga hagegeañe ze asam-palie'e.
Amy hoe zay iaby
mboe tsy mitolike ty haviñera'e,
naho mbe mitora-kitsy ty fità'e.
17 Misolebotse hoe afo ty hatsivokarañe;
forototoe'e iaby ty fatike
naho ty hisatse;
eka, mimiañe añ'ala matahetse ao,
vaho mivarimbariñe mb'an-dindiñe ey
an-katoeñe mijoala.
18 Ty amy fombo miforoforo' Iehovày, hotomomoke i taney;

‡ **9:11** Pilistio: o mpimoneñe an-kialoo § **9:15** Ies 3:12

naho hoe famahañan’afo avao ondatio,
leo raike tsy mandrombake
an-drahalahi’e.
19 Apitso’ ty raike ty fità’e havana;
abotse’e ty fità’e havia, f’ie tsy eneñe;
songa avorembore’ ty nofon-tsira’e ondatio,
20 Agedra’ i Menasè t’i Efraime;
vaho i Efraime t’i Menasè;
itraofa’ iareo fiatreke Iehodà.
Ie amy hoe zay iaby
mboe tsy mitolike ty haviñera’e,
naho mbe mitorakitsy ty fità’e.

# 10

1 Hankàñe amo manampa-pepètse tsivokatseo,
naho o mampipatetse famorekekeañeo;
2 Ty mampivike o misotrio
tsy hahazoa’e to,
vaho mitavañe ty zo’ o rarake am’ondatikoo,
hihaofa’ iareo o vantotseo,
hitsatsà’ iareo o bode-raeo!
3 Aa le ino ty hanoe’ areo
amy androm-pitilihañey,
naho amy hekoheko hifetsake boak’añey?
fa hipay imba ama’ia nahareo?
vaho hapo’ areo aia ty vara’ areo?
4 Ino ty hanoeñe,
naho tsy hitsilofiñe amo tsinepakeo,
ndra hitsingoritritse amo vinonoo?.
Amy hoe zay iaby,
mboe tsy mitolike ty haviñera’e,
mbore mbe mitora-kitsy ty fità’e.
5 O Asore, kobain-kaviñerakoo,
ry dodan-katorifihako am-pità’ iareoo:
6 Hiraheko haname ty fifeheañe
tsy vokatse,
hafantoko am’ondaty iviñerakoo, hikopaha’e naho hitsindroha’e vaho handialia’e
hoe fotake an-dalañe eo.
7 Tsy apota’e zay,
toe tsy am-pitsakorean-tro’e;
fe ty handrotsake ro firefea’e,
ty hañito fifeheañe maro.
8 Fa hoe re: Tsy songa mpanjaka
hao o roandriakoo?
9 Tsy hambañe amy Karkemise*
hao ty Kalnè†?
Naho amy Kamate‡ ty Arpade§?
Vaho amy Damesèke ty Somerone?
10 Manahake ty nitakaran-tañako

* 10:9 Karkemise: rova’ i mpañambaney † 10:9 Kalnè: ty fahafonirantika; vata’e ie avao ‡ 10:9 Kamate: haviñerañe, fiforoforoañe; kijoly § 10:9 Arpade: ty hazavam-pijebañañe

o borizañe an-tsamposampo tsieo,
ie maro te amo hazomanga e
Ierosalaime naho e Someroneo.
11 Aa tsy hanoeko am’ Ierosalaime naho
o hazomanga’eo hao,
ty nanoeko amy Somerone reketse
o hazomanga’eo?
12 Aa le ho tondroke te
ie nihenefa’ i TALÈ
ty fitoloña’e am-bohi’ i Tsioney eo
naho am’ Ierosalaime eo,
le hanao ty hoe:
Ho liloveko o vokan’ arofo
irengevoha’ i mpanjaka’ i Asoreio
naho o engen-dahara’e mievoñevoñeo,
13 ami’ty nanoe’e ty hoe:
Ami’ty haozaran-tàñako naho ami’ty hihiko ty nanoako zay,
toe mahilala raho;
fonga nafahako ty efe-tane’ondatio
naho nikamereko ty vara’ iareo,
vaho nampitsingoro o mpimone’ iareoo
hoe asam-panalolahy;
14 Le nitakaren-tañako manahake te
nitrañom-boroñe ty vara’
ze hene ondaty;
hoe fitontonan-atoly naforintseñe
ty nanontonako ty tane toy iaby;
tsy teo ty nañetseke elatse,
ndra nanoka-bava, ndra nivolañe.
15 Hiebotsebotse amy mitañ’azey
hao ty fekoñe?
Hitsingevongevo amy mandronje azey
hao ty lasý?
Manahake ty kobaiñe manjonjoñe
ty mivontititse ama’e,
naho ty fitoñoñe mañongake ty raha tsy hatae.
16 Aa le hañitrike haborokàñe amo
vondra’eo t’i TALÈ, IEHOVÀ’ i Màroy;
le ho viañeñe ambane’ i enge’ey eo
ty hatomomohañe hoe afo mamorototo.
17 Hinjare afo ty failo’ Israele
naho lel’afo i Masi’ey;
hiforehetse hampitomontoñe
o fati’eo naho o hisa’eo
añate ty andro raike.
18 Ty enge’ i ala’ey
naho i tete’e kobokaray ty
hagodra’e troke naho tsandriñe;
manahake ty finiha’ t’indaty siloke.
19 Ho tsiampe ty hatae sisa añ’ala’e ao,
ndra ajaja ty hahavolily aze.
20 Ho tondroke amy andro zay te tsy

hiato amy namofoke iareo ty sengaha’
Israele naho o nandrifitse amy
anjomba’ Iakobeio;
fe IEHOVÀ Masi’ Israele
ty hiatoa’ iareo ami’ty hatò.
21 Himpoly ty sehanga’e, ty honka’ Iakobe, mb’aman’ Añahare Tsitongereñe.
22 Fa ndra te mira ami’ty faseñe
an-driakey ondati’oo ry Israele,
ty sehanga’e avao ty himpoly;
fa fanjamanañe
lifo-kavañonañe ty tinendre.
23 Famongorañe do’e, toe najadoñe,
ty hafetsa’ i TALÈ, IEHOVÀ’ i Màroy,
añ’ivo i tane iabiy.
24 Aa le hoe t’i TALÈ, IEHOVÀ’ i Màroy:
O ry ondatiko mpimoneñe e Tsioneo,
ko hembañe amy Asore,
ndra te fofohe’e an-doda,
naho añonjona’e kobay handafà’e azo
ami’ty sata’ i Mitsraime.
25 Fa hanintsiñe aniany
o heloko miforoforoo,
vaho ho amy fandrotsahañe iareoy
ty habosehako.
26 Le ho tsekafe’ IEHOVÀ’ i Màroy ama’e
ty karavantsy,
manahake ty nanjamanañe i Midiane
am-bato’ i Orebe* añe;
naho ho ambone’ i riakey ey ty kobai’e,
vaho honjone’e manahake ty nanoe’e amy Mitsraime.
27 Ie amy andro zay, hihintsañe tsy
ho antsoro’o eo ty kilanka’e,
naho tsy ho an-kàto’o eo ty joka’e,
toe hipozake amy havondrahañey i jokay.
28 Fa nivotrak’e Aiate† re,
fa nirangae’e ty Migrone‡;
e Mikmase§ ao ty nampipoha’e
o harao’eo;
29 Nitsahe’ iereo i hebam-bohitsey;
nialeñe e Gèbà* añe;
nihondrahondra t’i Ramae†;
nibotafotse añe ty Gibae‡’ i Saole§.
30 Mampikoiaha feo
ry anak’ ampela’ i Galime*:
manokilaña ravembia ry Laise†!
Ry Anatote‡ mahaferenaiñeo!

---

* 10:26 Orebe: Koake † 10:28 Aite: ora raike; fihaino; rano hanahana ‡ 10:28 Migrone: hembañe; teteke; tretrake § 10:28 Mikmase: i mpadafay * 10:29 Gibà: tamboho; fitihike † 10:29 Ramae: Naonjoñe; mierañerañe ‡ 10:29 Gibae: tamboho § 10:29 Saole: linily; talaha; fihomahañe * 10:30 Galime: o mamotrio; o manaroñeo † 10:30 Laise: Lione ‡ 10:30 Anatote: toiñe; sabo; hararahañe

31 Fa nivoratsake ty Madmenae§;
fa mitsoloke o mpimone' i Gebimeo*.
32 Hitofa e Nobe† ao re te anito,
hañonjo-haok' amy vohi' i anak'ampela'
i Tsione an-kaboa' Ierosalaimey.
33 Eka, ho birae' i TALÈ, IEHOVÀ' i Màroy
an-kaviñerañe o tsampa'eo;
le ho firaeñe añe o mijoalao,
vaho ho tomoreñe o mininginingio.
34 Ho firae'e am-biñe o ala matahetseo,
le hideboñe hoe fanalolahy t'i Lebanone.

# 11

1 Hitiry ami'ty foto' Iisày* ty singa'e,
vaho hitomiry boak'am-baha'e ty tora'e.
2 Hipetak' ama'e ty Arofo' IEHOVÀ,
ty arofon-kihitse naho faharendrehañe,
ty arofom-panoroañe naho haozarañe,
ty arofon-kilala naho ty fañeveñañe
am' IEHOVÀ.
3 Ty fañeveñañe am' IEHOVÀ
ro mahafale ty arofo'e.
Tsy ty isam-pihaino'e ro hizaka'e,
tsy ty fijanjiñan-dravembia'e
ro hisafiria'e;
4 Fa an-kavantañañe
ro hizaka'e o rarakeo,
vaho an-kahiti'e ro handilia'e
o mpirèke an-tane atoio.
Ho lafae'e ami'ty kobaim-palie'e i taney,
le ho zamane'e ami'ty kofòm-pivimbi'e
o tsereheñeo.
5 Hidian-kamarentane ty vania'e
vaho hiteveke figahiñañe o toha'eo.
6 Hitrao-pimoneñe ty marambolo
naho ty anak'añondry,
hiharo fandreañe ty farasy
naho ty anak'ose;
hifampireketse ty sarake
naho ty liona vaho ty vosy;
Anak'ajaja ty hiarake iareo.
7 Hitrao-pihinañe ty añombe rene'e
naho ty dobe†;
hiharo fandreañe o ana' iareoo,
vaho hihota-ahetse manahake
ty añombe ty liona.
8 Hihisa ambonen-davan-dapetake
ty ajaja minono,
hajo' ty anak'ajaja an-doan-davam-boae ao ty taña'e.

---

§ **10:31** Madmenae: habein-tolotse; ty fihentseñañe sikiñe * **10:31** Gebime: valala; haabo † **10:32** Nobe: lañonañe; fitokiañe * **11:1** Iisay: ravoravo; banabana † **11:7** Dobe: Biby romotse jabajaba

9 Tsy ho amy vohiko miavakey iaby ty hijoy ndra ty hamono;
fa ho tsitsike ty faharendrehañe
IEHOVÀ ty tane toy,
manahake ty haatsa-drano' i riakey‡.
10 Ie amy andro zay, hitroatse ho viloñe am'ondatio ty Vaha' Iesày,
le hipay Aze o Kilakila'ndatio,
vaho ho lifots'engeñe ty toe-pitofà'e.
11 Ho tondroke amy andro zay te
hahiti' i TALÈ fañindroe'e ty fità'e
hampolia'e ty sehanga' ondati'eo,
Ty henka' i Asore, naho
ty boake Mitsraime, naho
ty boake Patrose§, naho
ty boake Kose*, naho
ty boak' Elame†, naho
ty boake Sinare‡, naho
ty boake Kamate, vaho
ty boak' amo tokonose andriakeo.
12 Le hampitroara'e viloñe o fifeheañeo,
hatonto'e o naparatsake boak' Israeleo,
vaho havori'e o naparaitake am' Iehodà hirik' an-kotsok' efa' ty tane toio.
13 Hisitake amy Efraime ty fihàña'e,
naho haitoañe ty helo' Iehodà;
tsy hitsikirìke i Efraime t'Iehodà,
le tsy hañembetse Iehodà t'i Efraime.
14 F'ie hitsiritsioke am-pivariña'
o nte-Pilisty ahandrefañeo;
hitrao-pamaoke o anan-tatiñanañeo;
songa hampitora-kitsie' iereo fitàñe
t'i Edome§ naho i Moabe*;
vaho hiambane am' iereo t'i Amone†.
15 Ho mongore' IEHOVÀ ty lela'
i ria' i Mitsraimey;
le ami'ty tio'e mae mihoboboke
ty añelahelà'e ambone' i Oñey ty fità'e
vaho ho fofohe'e ho torahañe fito,
hampitsaha'e ondatio an-kana.
16 Le ho ami'ty sehanga ondati'e boak' Asoreo ty lalañe dinamoke,
manahake tamy niakara' o ana' Israeleo
i Mitsraime.

# 12

1 Ty hoe ty hatao'o amy andro zay :
Mandrenge Azo raho, ry IEHOVÀ fa ndra t'ie niviñera'o,
nivioñe añe ty fitrotrofiaha'o,
mbore nañohòa'o.
2 Toe fandrombahako t'i Andrianañahare;

---

‡ **11:9** Kab 2:14 § **11:11** Patrose: falie pea koba; t'ie ho rotsake * **11:11** Kose: nte-Etiopia; mainte † **11:11** Elame: ajalahy; somondrara; tangogo ‡ **11:11** Sinare: Itaoà i mirotsey § **11:14** Edome: mena, an-tane; ty ami'ty lio * **11:14** Moabe: aman-drae'e † **11:14** Amone: t'indaty; ty ana' ondatiko

hiantoke raho le tsy ho hembañe,
fa Ià*, IEHOVÀ ro haozarako naho saboko
ie ro fandrombahañe ahy henaneo†.
3 Aa le an-kaehake ty itariha' areo o rano migoangoam-pandrombahañeo.
4 Le ty hoe ty hatao' areo
amy andro zay: andriaño t'IEHOVÀ, kanjio i Tahina'ey;
ampahoniño o kilakila ondatio
o fitoloña'eo,
vaho taroño ty haandikera' i tahina'ey,
5 Misaboa am' IEHOVÀ,
ty amo raha fanjaka anoe'eo;
ehe te hene hahaoniñe zay
o an-tane atoio.
6 Mipazapazaha, poñafo ty sabo,
ry nte-Tsioneo,
amy te jabahinake añivo' areo ao
t'i Masi' Israele.

# 13

1 Ty fetse nioni' Iesaià ana' i Amotse
ty amy Bavele*:
2 Ampitroaro viloñe am-bohits'abo ey, ipoñafo feo,
mañelahelà fitañe, himoaha' iareo
an-dalam-bein-droandriañe ao.
3 Fa liniliko o neferakoo
naho kinoiko o manjofakoo,
o mahimbañe naho rototseo
ty amy habosehakoy.
4 Inay ty rehoreho am-bohitse eñe,
hoe ondaty mitozantozañe!
Inao ty fikoraha' ty fitontona' o
fifehea' o kilakila 'ndatio!
Tehafe' IEHOVÀ' i Màroy
o valobohòkeo hihotakotake.
5 Boak' an-tsietoitane añe iereo,
boak' am-pigadoña' i likerañey añe,
—IEHOVÀ, naho o fialiam-pifombo'eo—
handrotsake i tane iabiy†.
6 Mangololoiha;
fa antitotse ty andro' IEHOVÀ;
toe fandrotsahañe boak' amy
El-Sadai ty hivotraha'e;
7 Hene higebañe amy zao o fitañeo,
vaho songa hitranake ty arofo' ondaty.
8 Hangebahebake iereo; hamihiñe iareo
ty hativontivoñe naho ty fisintosintoñe;
le hanahake ty fitsongoan-ampela
ty fanaintaiña' iareo;
ho veren-draha hifampitorìtotse;
ho tarehe mibelabela-afo ty lahara' iareo.

---

* **12:2** Ià: fampiboriañe ty hoe IEHOVÀ † **12:2** Avo 15:2, Sab 118:14 * **13:1** Bavele: hadabañe; filaroañe
† **13:5** Ies 24:1-23, 34:1-17, 63:1-19, 66:1-24

9 Inao, antitotse ty andro’ IEHOVÀ,
hasarerahañe, filoroloro
naho fifombo miforoforo,
hampangotomomoke i taney,
vaho hamongotse
o lo-tsereke ama’eo.
10 Le tsy hañomey ty hazavà’e
o vasian-dikerañeo
naho o fitoboroña’eo,
ho maieñe i àndroy te manjirike,
vaho tsy hampaviahe’ i volañey
ty hazavà’e.
11 Ho liloveko ty tane toy
ty amo hakeo’ iareoo,
o tsy vokatseo ty amo tahi’ iareoo,
le haziko ty firengevoha’
o mpiebotsebotseo,
vaho hazevoko ambane ty fireñeta’
o mpamorekekeo.
12 Hanoeko loho sarotse ta ty volamena
hiringiri’e t’indaty;
le ambone’ ty vongam-bolamena’ i Ofirey‡ ondatio.
13 Aa le hampiezeñezeñeko o likerañeo,
naho hahifikifike tsy ho amy toe’ey
ty tane toy,
ty ami’ty fifombo’ IEHOVÀ’ i Màroy,
amy andron-kaviñera’e miloroloroy.
14 Ho tondroke amy zay t’ie hanahake
ty farasy rinoake
naho ty añondry tsy amam-pamory
sindre milay mb’an-tane’e mb’eo,
songa himpoly mb’am’ondati’eo.
15 Ho tomboheñe iaby ze zoeñe,
vaho hene hampikorovohem-pibara
ze tsinepake.
16 Ho demodemoheñe añatrefam-
pihaino’iareo o anak’ajaja’ iareoo;
ho kopaheñe ty anjomba’ iareo, vaho
ho vahorañe ty rakemba’ iareo.
17 Eka, ho troboheko am’ iareo
o nte-Madaio§,
o tsy mañaom-bolafotio;
ndra volamena tsy ifalea’e.
18 Ho trofatrofahem-pale o ajalahio;
tsy ho ferenaiña’ iareo
ty vokan-koviñe;
tsy ho tretrezem-pihaino’e o ajajao.
19 I Bavele amy zao,
i volonahe’ o fifeheañeoy,

‡ **13:12** Ofire: tane kobokara § **13:17** Maday: fañaranañe; zaka; saroñe

i fisengea’ o nte-Kasdio* fanjakay:
le hanahake ty fandrotsahan’Añahare
i Sedome naho i Amorà.
20 Le lia’e tsy ho amam-pimoneñe,
vaho tsy hañialo ao
o tariratse mifandimbeo;
tsy hañoren-kivoho eo t’i nte-Arabe†,
tsy hamahetse goloboñe ao o mpiarakeo.
21 Toe ho fandrea’ o fanalokeo;
ho àtseke ty ontsoñontsoñe
o anjomba’ iareoo,
himoneñe ao o voron-tsatrañeo,
vaho hitsinjake ao o lolo miogogoo.
22 Hañaolo añ’anjomba-hara’ iareo ao
o maràmboloo naho o amboa sirasirao
an-toe’ iareo fanjakao;
fa antitotse ty amotoañañe aze,
vaho tsy haesoñe o andro’eo.

# 14

1 Aa ie tretreze’ IEHOVÀ t’Iakobe,
naho joboñe’e t’Israele, vaho
hampimoneñe’e an-tane’ iareo eo;
le hirekets’ am’ iereo ty renetane,
hipitek’ amy anjomba’ Iakobey.
2 Ho rambese’ o kilakila’ ndatio
naho hasese’iareo mb’an-toe’ iareo mb’eo;
ie ho fanaña’ i anjomba’ Israeley
ho mpitoroñe lahy naho ampela
an-tane’ IEHOVÀ ao;
naho ho tsepahe’iareo
o namahotse iareoo;
vaho ho fehè’ iareo o namorekeke iareoo.
3 Ho tendreke amy andro hampanintsiña’ IEHOVÀ anahareo amo fioremeña’ areoo,
naho amo haorea’ areoo,
naho amo fitromahañe
namorekekeañe anahareoo,
4 t’ie ho ente’ areo amy mpanjaka’
i Baveley añe ty tafatoño toy,
ami’ty hoe:
akore te nijihetse i mpamorekekey!
naho nipendreñe i fidabadoañey!
5 Fa pinoza’ IEHOVÀ ty fitoño’
o lo-tserekeo, ty kobai’ o mpifeheo,
6 I nitolom-pamofoke ondatio
ami’ty haboseha’ey,
i nameleke ondatio ami’ty haviñera’e
an-tsarerake tsy nimete kalañeñey.
7 Manintsiñe iaby ty tane toy,
vaho mitsiñe;
ie ampipoñafan-tsabo.

* 13:19 Kasdy: hoe kokolampa; ndra malaso † 13:20 Arabe: mihamaro; mitongy fiolàñe;

8 Eka mirebeke ty ama'o o sohihio,
naho o mendorave' i Lebanoneo:
Kanao nazevoñ' ambane rehe,
tsy mitroatse ama'ay ty mpamira.
9 Mangetseketseke ty ama'o
ty tsikeokeoke
hifanalaka ama'o amy figodaña'oy;
ampibarakaofe'e ty ama'o o angatseo,
o nifeleke tan-tane atoio;
songa miongake amo fiambesa'eo
o mpanjakam-pifeheañeo.
10 Songa mifañontane ama'e
manao ty hoe:
Toe maleme manahake anay rehe !
Ihe hambañe ama'ay !
11 Fa nampanjotso azo mb'an-kibory
mb'atoy ty firegevoha'o,
reketse ty fikoraha' o karara'oo;
Nalamake ambane'o ao o oletseo,
vaho mañohoñe azo o kànkañeo.
12 Akore ty nideboña'o boak'
andikerañey, ry vasian-kandro,
ana' ty fanjirik'andro !
Finira mb'an-tane,
ihe nimpamotsake o fifeheañeo.
13 Nanoe'o an-tro'o ao ty hoe :
Hionjoñe mb'andikerañe mb'eo raho,
ambone' o vasian' Añahareo
ty hañonjonako ty fiambesako,
vaho hiambesatse am-bohim-pivory eo, amo ila'e avaratseo;
14 Hionjoñe ambonen-dikera'
o rahoñeo raho,
hihambañako amy Abo-Tia.
15 Te mone hazotso
mb'an-tsikeokeoke ao rehe,
pak'am-para' i halale' i koboñeiy.
16 Hisamb' azo o hahaisake azoo,
hañarahara ty hoe: Itiañe hao indaty
nampiezeñezeñe ty tane toiy,
i nampihondrahondra o fifeheañeoy;
17 Ty nanao ty tane toy ho ratraratra,
naho nandrotsake o rova'eo;
vaho tsy nanokake ty vala-bei'e
himpolia' o narohi'eo?
18 Songa mirotse ami'ty enge'e
o mpanjaka' o fifeheañeoo, ie iabikey,
sindre an-kibori'e ao.
19 F'ihe ka, ro navokovoko boak'
an-kibori'o ao hoe tsampañe tiva,
an-tsaro' ty vinono, tinomboke fibara,
mihotrake mb'amo vato an-koboñeo
hoe lolo linialiam-pandia.

20 Tsy hitrao-pileveñe am' iereo,
amy te narotsa'o ty tane'o
vaho zinama'o ondati'oo;
toe tsy ho tiahieñe ka
ty tarira' o lo-tserekeo.
21 Mihentseña hanjamañe o ana'eo
ty amo hakeon-droae' iareoo;
tsy mone hitroatse
hitavañe ty voatse toy iereo,
hanitsike o rova an-tane atoio.
22 Zaho, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
ty hitroatse am' iereo,
vaho haitoako amy Bavele
ty añarañe naho ty sehanga'e,
ty tariratse naho ty tamingañe,
hoe t'IEHOVÀ.
23 Hatoloko ho fanaña' ty trandrake,
ho babangoa-mangenakenake;
le ho piopioheko am-pamafa-
karotsahañe, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
24 Nifanta' IEHOVÀ' i Màroy ty hoe:
Toe ho tondroke ze fitsakoreako;
hijadon-ko do'e ze aereñereko.
25 Ho folaheko an-taneko ao ty Asore,
ho lialiàko am-bohiko eo;
habalake ty joka'e am' iareo,
vaho havotsotse an-tsoro' iareo
ty kilanka'e.
26 Zay ty safiry nalahatse
ho a' ty tane bey toy
vaho itoy ty taña natora-kitsike
amo fifeheañe iabio.
27 Naereñere' IEHOVÀ' i Màroy,
ia ty hahakalañe aze?
Napololotse ty fità'e,
ia ty hampipoly aze?
28 Tamy taoñe nahavilasy i Akhaze* mpanjaka, ty niheova' ty entañe toy.
29 Ko mandia-taroba, ry Pilistý iabio,
amy te pinozake ty kobaiñe nandafa azo,
fa boak' am-baha' ty mereñe
ty hitiria' ty lapetake,
ie ka ty hamoa fandrefeala mibela, mitiliñe.
30 Hikama o loho rarakeo, naho
hàndre am-pipalirañe ao o poi'eo;
ho vonoeko ami'ty kerè o vaha'oo,
zay ty hanjamanañe ty honka'o.
31 Mañaoloa ry lalambey,
mikoiha ry rova;
mitranaha ry Pilistý, nahareo iaby;
hehe te boak' avaratse añe ty hatoeñe,

* **14:28** Akhaze: mpitavañe

tsy ama'e ty mitakàtrotse
am-pirimboña'e.
32 Akore arè ty hamaleañe
o ira' i fifeheañeio?
Te naore' IEHOVÀ t'i Tsione
le hitsoloke ama'e ondati'e misotrio.

# 15

1 Ty entañe ty amy Moabe.
Amy haleñe androtsahañe i Arey,
mongotse ty Moabe;
amy haleñe androtsahañe i Kirey,
mongotse ty Moabe.
2 Nionjoñe mb'amy Baite* mb'eo re,
mb'amy Dibone†,
naho o haboañeo hirovetse;
mb'amy Nebò‡ naho i Medeba§,
mañaolo t'i Moabe;
sola peake ze hene añambone,
hinitsike ze fonga somatse.
3 Misikin-gony an-dalañe eo;
songa mangololoike,
mangoihoy ty rovetse
o an-tafon' anjomba
naho an-tameañeo.
4 Mikaikaike ka ty Kesbone*
naho i Elalè†;
tsanoñeñe pak'e Iatsà‡ ty feo' iareo;
mikointsañe o lahin-defo' i Moabeo;
mitoirañe an-tro'e ao ty fiai'e.
5 Tolihe' ty troko t'i Moabe,
ie mitriban-day mb'e Tsoare§ mb'eo o sehanga'eo,
i kiloa telo taoñey;
fa amy fitroara' i Lotitey* eo ty
angololoiha' iareo am-panganihañe,
amy lala' i Koronaimey†
ty ikoiha' iareo hazolava.
6 Koake o rano' i Nimrimeo‡;
hene niforejeje ty ahetse,
niheatse o bokao,
tsy aman' antsetra.
7 Aa le hasese' iareo
mb'an-Torahan-Tsohihy mb'eo
ty vara nivokare' iereo,
ty vokatse nahaja' iareo an-driha ao.
8 Nanitsike i Moabe pak'añ'efe-tane'e añe i koikey,

---

* 15:2 Baite: anjomba † 15:2 Dibone: lifon-kilala ‡ 15:2 Nebo: Misaontsy, ndra mitoky § 15:2 Medeba: rano: fandalañe; mangoangoañe * 15:4 Kesbone: fahimbañañe; fifanehafañe † 15:4 Elalè: soroñe amy Andrianañahare ‡ 15:4 Iatsà: fifandierañe § 15:5 Tsoare: kedekedeke; bory * 15:5 Lotite: nanoañe varamba † 15:5 Koronaime: fifombo; fandoan-tiñake ‡ 15:6 Nimrime: mafaitse; fiolàñe

i fañaoloa’ey pak’ Eglaime§,
i fangololoiha’ey pake Birelime*.
9 Atse-dio ty rano’ i Dimone†;
fe mbe ho tompeako ty Dimone,
ty liona amo hivoratsake boake Moabeo,
naho amo sehanga’ i taneio.

# 16

1 Ahitrifo mb’amy mpanjaka’ i taney
o vik’añondry boak’ an-tseram-
bato miatreke i fatrambeiio,
mb’am-bohin’ anak’ampela’
i Tsione mb’eo.
2 Ie amy zao manahake ty voroñe naronje boak’ an-traño’ iareo ao,
o anak’ ampela’ i Moabe
amy fitsaha’ i Arnoneio.*
3 Atorò, tampaho ty heve’o;
manalinjò hoe te haleñe
an-tsingilingilin’andro;
aetaho o naitoañeo;
ko aboake ty mipalitse.
4 Adono hañialo ama’o ao ry Moabe o naitoañe amako,
ehe ampitsoloho
ami’ty tarehe’ i mpamaokey.
Fa añe ty mpisenge hery,
nijihetse i fikopahañey,
le finaoke amy taney o mpamorekekeo.
5 Haoreñe am-pikokoa-migahiñe
ty fiambesatse,
le hiambesatse ama’e ty mpizaka
an-kavantaña’e, an-kivoho’ i Davide ao,
ie ty hipay ty hatò
vaho halisa amy fahiti’ey.
6 Fa jinanji’ay ty firengevoha’
i Moabe;
ie loho miebotsebotse,
ty amy fitoabora’e naho ty hakavokavo’e,
ty harobodroboha’e, vaho
ty fisengea’e kafoake.
7 Aa le hangololoike ho a i Moabe
t’i Moabe, songa hangoihoy;
ho a ty mofo-mami’ i Kir-karesete†
ty hiroveta’ areo, tsipike ty anahelo.
8 Miforejeje o tonda’ i Kesboneo,
naho ty vahe’ i Sibmà‡,
fa pinekapeka’ o roandria’
o kilakila’ ndatioo
o hatae fanjàka’eo;

§ **15:8** Eglaime: nitsopahe’ i riakey; antara roe * **15:8** Ty vovo’ o añondrilahio, o maozatseo; † **15:9** Dimone: amy menay eo * **16:2** Arnone: firebehañe; fireandrea’ i àndroy † **16:7** Kir: kijoly; haresete; rova’ i àndroy ‡ **16:8** Sibmà: fiovañe; fandrohizañe

o nahatakatse Iazare§ añeo,
nikariokarioke an-dratraratra ao;
le nandrevake o tsampa'eo,
nitsake i riakey.
9 Aa le hindre hirovetse ami'ty firoveta'
Iazare raho ty amy vahe' i Sibmày;
ho tondrahako ranomaso rehe
ry Kesbone, naho i Eleale;
ty amy havokaran'asara'oy naho ty fitataha'o, fa inay ty koike aly.
10 Fa tinavañe amy tonda-kobokaray
ty hafaleañe naho ty rebeke;
tsy aman-tsabo
o tondam-baheo, tsy amam-pazake;
tsy eo ty handialia divay
amo fipiritañeo;
fa nampitsiñeko ty koikoi' iareo.
11 Aa le hanoiñe hoe marovany
amy Moabe ty troko,
naho ho a i Kir-karesete o añ'ovakoo.
12 Le ho tondroke te, ho oniñe midazidazitse ankaboa'ey t'i Moabe,
ie mizilike amo navahe'eo hihalaly,
f'ie tsy haharongatse.
13 Zay ty nitsarà' IEHOVÀ ty amy Moabe haehae. 14 Hoe ka t'IEHOVÀ henaneo:
Tsy hahamodo telo taoñe,
ami'ty fañiahan'androm-pikarama, le ho sirikaeñe ty enge' i Moabe
naho i valobohò'ey; le ho potrapotra'e avao ty ho sisa vaho tsy hanjofake.

# 17

1 Ty entañe ty amy Damesèke:
Hehe te nasintake amy Damesèke
ty maharova aze,
fa ho votrem-porompotse.
2 Naforintseñe o rova' i Aroereo*,
ho fandrean' añondry,
tsy eo ty hañembañe iareo.
3 Ho modo ka ty kijoli-abo' i Efraime,
naho ty fifehea' i Damesèke;
fa hanahake ty enge' o nte-Israeleo
ty sisa' i Arame, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
4 Ie amy andro zay, le hanoeñe matify
ty volonahe' Iakobe, vaho hinike
ho boroka ty havondra' i sandri'ey.
5 Le hanahake ty fanontonam-panatake
o tsako miadaoroo,
ie manifo o tsakoo an-tsira'e eo;
eka le hanahake ty fañoroñañe ty voto'e ambavatane' i Rafà† ao.
6 Fe mbe hapoke eo ty nengañe,
manahake ty fañintsañañe zaite‡,
t'ie telo ndra roe ty an-dengo'

§ **16:8** Iezare: olotse; mpañolotse, mpañimba * **17:2** Aroere: montoñe; tanan-taolo † **17:5** Rafa: aoly, fanahañe ‡ **17:6** Zaite : hoe satrañe hanem-boa'e (olive)

i singa’e amboney,
lime ndra efatse ty an-katae miregorego,
hoe t’IEHOVÀ, Andriananañahare’ Israele.
7 Amy andro zay,
hañaoñe i Namboatse azey t’indaty, naho hampiandra fihaino
mb’amy Masi’ Israeley
8 Tsy ho haoñe’e o kitrelio,
o satam-pità’eo,
vaho tsy ho tolihe’e
o nitsenen-drambo-pità’eo,
ndra o Asereo§,
ndra o kitrelin’ embokeo.
9 O rova’e maozatseo amy andro zay,
le ho koake hoe tsampa’e napoke añ’ala,
hoe singa’e nadoke ty amo ana’ Israeleo,
vaho hangoakoake ty ao.
10 Amy te nihaliño’o
t’i Andriananañaharem-pandrombahañ’ azo,
le nandikofa’o ty Lamilamin-kaozara’o;
aa le hambole hatae soasoa rehe,
vaho haketsa’o ho an-drahare
ambahiny ty tora-katae.
11 Nifahera’o amy andro nambolè’o azey, maraindray re ro ampamoñea’o i tiri’oy;
fe votrim-porompotse ty ho voka’e,
amy andron-kasilofañe naho fanaintaiñañey.
12 Hedey! ty fikoraha’ o mitozantozañeo, mitroñe manahake ty fitroña’ i riakey;
naho ty fidabadoà’
o kilakila ‘ndatio hambañe
ami’ty fisorotombahan-drano bey!
13 Le hitabatroake manahake
ty fitotsaha’ ty rano bey o fifeheañeo;
fe hendaha’e, le hioratse añe iereo,
vaho ho horidañeñe hoe kafo’e
am-bohitsey añatrefa’ i tiokey,
manahake ty fibòn-deboke
miviombio aolo’ ty tiobey.
14 Ie hariva, hehe te hekoheko;
ie miporea’ ty maraindray
le tsy eo;
zay ty anjara’ o mañaoke anaio,
vaho ty tambe’ o mampikametse ama’aio.

# 18

1 Hankàñe, ty tane aman’elatse
miñiñiñiñe, alafe’ o toraha’ i Koseo*;
2 Ie mampañitrike sorotà mb’an-driake,
an-dakam-binda lava
ambone’ o ranoo!
Dàñe ry mpihitrike, masikà,
mb’ an-tane’ ondaty abo naho

§ **17:8** Asere: hafaleañe * **18:1** Kose: nte-Eteopia; mainte

aman-kolitse mendoo; ondaty
mampangebahebake ty ao naho ty añe;
ondaty gañe vaho mandialia,
i tane' iareo zarazaraen-torahañey.
3 Ry hene mpimoneñe ami'ty voatse toio,
ry mpitoboke an-tane ao,
ie mitroatse an-kaboa' o vohitseo
ty viloñe, le mahaisaha;
naho mipopò i antsivay, mijanjiña.
4 Fa hoe ty nafè' IEHOVÀ amako:
hitàn-kahendrean-dRaho,
vaho hijilojilo boak'am-
pimoneñako atoy,
hoe hatrevohan-tsingilingilieñe
an-tariñandroke,
manahake raho-mika
an-katrovoham-pitatahañe,
5 aolo' i fitatahañey, ie fa nihintsam-boñe,
ie mihamatoe i valoboke makiray,
le ho hitsikitsifem-pibira
miporengotse o singa'eo,
handrantsañe o tsampa'e mandrevakeo.
6 Harongoñe eo iereo ho a o
voro-pitsindroke am-bohitseo,
naho ho a o bibin-kivokeo;
le ho ama'e o voro-pitsindrokeo
naho asara, vaho hiasotry ama'e ze hene bibi' ty tane toy.
7 Ie amy andro zay, hanese ravoravo
am' IEHOVÀ' i Màroy ondaty abo
naho aman-kolitse mendoo,
ondaty mampangebahebake
ao naho añeo;
foko gañe vaho mandialia,
an-tane zarazaraen-torahañe;
mb'an-toen-tahina' IEHOVÀ i Màroy:
mb'ambohi-Tsione mb'eo.

# 19

1 Ty entañe ty amy Mitsraime.
Hehe te mijoñe an-drahoñe
mihititioke ty lay
t'IEHOVÀ homb'e Mitsraime mb'eo;
mitroetroe o hazomanga'
i Mitsraimeo ami'ty fiatrefa'e,
mitranake ama'e ao
ty arofo' i Mitsraime.
2 Hampifañatrefeko amo nte-Mitsraimeo o nte-Mitsraimeo;
songa hifandrapake ami'ty rahalahi'e,
sindre amy mpitrao-tanàñe ama'ey,
rova ami'ty rova,
fifeheañe ami'ty fifeheañe.
3 Le ho kafoake ama'e ao

ty kofò’ i Mitsraime;
ho mongoreko ty fikililia’ iareo,
vaho ho troboe’ iareo o jinio
naho o angatseo,
o doanio naho o trombao.
4 Le hatoloko am-pitàm-pifehe
mitrotrofiake o nte-Mitsraimeo,
mpanjaka tsy tame ty hifehe iareo,
hoe t’i TALÈ, IEHOVÀ’ i Màroy.
5 Ho ritse ty rano’ i riakey,
ho hendatse naho maike i oñey.
6 Hitrotròtse o sakao;
hihakede ampara’ te kànkañe
o torahañeo;
hiforejeje ty bararata naho ty vinda.
7 O sale añ’olo’ i Sakaio,
o am-binàñe’ i Sakaio,
ho kirikitàñe ze teteke an-tamboho’ i Sakay eo, hisaoke, tsy ho eo ka.
8 Handala amy zao o mpamintañeo,
le hangoihoy iaby ze mpanora-binta
amy Sakay;
vaho hitike ty mpandamake
harato amo ranoo.
9 Ho salatse ka o mpandrare leny matifio,
naho o mpanenoñe hasim-potio;
10 amy te hianto o mananta’eo,
fonga ho lonjetse o mpikaramao.
11 Toe seretse o roandria’ i Tsoaneo*;
tsy manjofake ty fanoroa’
o mpanolo-heve’ mahihi’ i Paròo†.
Akore ty hatao’o amy Parò:
Ana’ o mahihitseo raho,
ana’ o mpanjaka haehaeo?
12 Aia v’ iereo?
Aia ze ondati’o mahihitse zao?
Ampitaroño ama’o,
ee te ho fohi’ iareo ty nisafirie’
IEHOVÀ’ i Màroy amy Mitsraime.
13 Fa nigegèñe o roandria’ i Tsoaneo;
fa nifitaheñe o ana-dona’ i Nofeo‡;
fa nampandrihe’ o natao ho vato-kotso’eo
o fifokoa’ i Mitsraimeo.
14 Nilaroe’ IEHOVÀ ty fañahim-piolahañe;
naho nampivembe’ iareo ty Mitsraime
amo fitoloña’e iabio,
hoe mpijike midaleandaleañe amy loa’ey.
15 Le tsy ho aman-tolon-draha
ty Mitsraime,
ze mete hanoe’ ty loha ndra ty ohy,
ty ran-tsatrañe ndra ty vinda.

---

* **19:11** Tsoane: hetseke † **19:11** Parò: mpampibaibay; mpañaoke ‡ **19:13** Nofe: papin-tantele; mañevo, mitsopake

16 Hanahake ty ampela' i Mitsraime
amy andro zay: hitititiitike vaho
ho hembakembañe amy
fihelahelam-pità' IEHOVÀ' i maroiy,
ie ahelahela'e ambone' iareo ey.
17 Hampangebahebake i Mitsraime
ty tane' Iehodà,
ndra ia ia mitalily
ro hinevenevetse,
ty amy fisafirie' IEHOVÀ' i Màroy
nañereñere aze.
18 Ho lime ty rova an-tane Mitsraime ao
ty hisaontsy an-tsaontsi' i Kanàne§
amy andro zay,
songa hifanta ami'ty tahina'
IEHOVÀ' i Màroy;
hatao Rovam-Pandrotsahañe ty raike.
19 Amy andro zay ho añivon-tane' Mitsraime ao ty kitrely
am' IEHOVÀ,
naho ty vatolahy am' IEHOVÀ
amy efe-tane'ey,
20 ho vilom-pitaliliañe IEHOVÀ' i Màroy, an-tane Mitsraime ao;
fa hitoreo am' IEHOVÀ iereo
ty amo mpanao sarererakeo,
vaho hañitrifa'e Mpandrombake
naho ty Maozatse hañaha iareo.
21 Hampahafohine' IEHOVÀ
i Mitsraime ty Fañova'e,
naho ho fohi' o nte-Mitsraimeo
t'IEHOVÀ amy andro zay;
hitalahoa'iereo reke-tsoroñe naho enga,
hifanta am' IEHOVÀ vaho hañavake.
22 Ho lafae' IEHOVÀ t'i Mitsraime,
ho fofohe'e naho ho melañe'e;
himpoly am' IEHOVÀ iereo,
le hihalaly ama'e
vaho ho jangañe'e.
23 Ho eo henane zay ty lalan-damoke
boake Mitsraime añe pak' Asore,
le homb'e Mitsraime ty nte-Asore,
naho homb'Asore ty nte-Mitsraime;
vaho hitrao-pitalaho
amo nte-Asoreo o nte-Mitsraimeo.
24 Ho rai-toko-telo amy Mitsraime
naho amy Asore t'Israele henane zay,
fatarihañe añivon-tane ao, amy te
25 nitahie' IEHOVÀ' i Màroy, ami'ty hoe:
Soatahy t'i Mitsraime ondatikoo,
naho i Asore, satan-tañako,
naho Israele lovako.

---

§ **19:18** Kanàne: mpibalibalike; ty mpampireke

# 20

1 Amy taoñe nanamea' i Tartane* i Asdodey†, (ie nampañitrife' ty mpanjaka' i
Asore), le nialia'e ty Asdode vaho tinava'e; 2 ie amy taoñe zay, le nitsara am' Iesaià
ana' i Amotse t'IEHOVÀ nanao ty hoe: Akia, abalaho hiafake an-toha'o eo i lamban-
goniy vaho apolitiro am-pandia'o o hana'oo. Nanoe'e zay, nañavelo nihalo tsy aman-
kana. 3 Le hoe t'IEHOVÀ:
Manahake te nañavelo tsy aman-tsaroñe,
tsy aman-kana telo taoñe
ty mpitoroko Iesaià,
t'ie ho viloñe naho halatsañe
amy Mitsraime naho amy Kose,
4 le ho kozozote' ty mpanjaka'
i Asore o mpirohi' i Mitsraimeo
naho o hasese boake Koseo,
hibongy vaho tsy ho aman-kana,
ty kede naho ty bey,
tsy ho aman-tsaro ty voli'e
ho ami'ty hasalara' i Mitsraime.
5 Ho lonjetse naho meñatse iereo
ty amy Kose, fitamà' iareo, naho
i Mitsraime fisengea' iareo.
6 Le hanao ty hoe ty mpimoneñe
añ'olo-tane atoy amy andro zay:
Heheke o nitamaen-tikañeo,
i nipitsihan-tika nipay olotse
hivotsoran-tika amy
mpanjaka' i Asoreiy;
tika 'nio! aia ty hivoratsahan-tika?

# 21

1 Ty entañe ty amy fatram-bei' i riakeiy:
Manahake ty famaoha' o tio-bey tatimoo,
ie miboak' an-dratraratra
hirik' an-tane mampangebahebak' añe.
2 Naboak' amako ty aroñaroñe
mampioremeñe:
Ty mpamañahy mamañahy,
ty mpamaoke mamaoke.
Mionjona ry Elame!
Miarikoboña, ry Maday!
Fa hene nampitsiñeko
o fiselekaiñañeo.
3 Aa le mikoritoke avao ty vaniako;
mamihiñe ahy ty fitsongoañe,
manahake ty fitsongon' ampela mañèñe; mikoretse raho le tsy mahatsanoñe,
miroreke tsy mahafañente.
4 Mifejofejo ty troko;
mampirevendreveñ'ahiko ty tahotse;
nivalike ho fineveneverañe
i palipalitsieñe nisalalaeko.

---

* 20:1 Tartane: mpifehe bey (zenerale) † 20:1 Asdode: Mañiliñe; midegañe; mikizo

5 Nihalankañeñe i fandambañañey,
nalamake i tihiy, nikama naho ninoñe;
Miongaha ry roandriañeo,
hosoro o fikalan-defoñeo.
6 Fa zao ty nafè' i TALÈ amako:
Akia, ajadoño ty mpijilo;
adono hitalily ze talake'e.
7 Nahaisake firimboñañe re
reketse mpiningi-tsoavala ki-roe roe, mpijòm-borìke
naho mpitoboke an-drameva;
mitsendreñe amy zao re, mitsatsike.
8 Nikaikaihe'e hoe liona: O TALÈ,
Mitolom-pijagarodoñe am-pitalakesañ' abo atoy raho te handro,
le mijohañe am-pijilovako ey te haleñe.
9 Heheke ondaty lia-raikeo,
mpiningi-tsoavala kiroe-roe.
Manoiñe ka re manao ty hoe:
Rotsake, Rotsake t'i Bavele;
fonga nivolentsa an-tane eo
o saren-drahare'eo.
10 O ry linisakoo, ry anako
an-toem-pamofohakoo,
Hampahafohineko anahareo o raha
tsinanoko am' IEHOVÀ' i maroio,
i Andrianañahare' Israeley.
11 Ty entañe ty amy Domà*:
Mikoike amako ty boak'e Seire†:
O mpigaritseo, manao akore i haleñey?
O mpijiloo, akore ty haleñe toy?
12 Hoe i mpigaritsey:
Hiporea' ty maraindray,
fa ho avy ka ty haleñe—
ihe hañontane le mañontanea;
mibaliha indraike!
13 Ty entañe ho amy Arabe‡:
Amo rongo-matahe' i Arabeo
ty hitobea' areo
ry mpivorontsa' i Dedaneo§.
14 Ry mpimone' i Temao*,
anjotsò rano i taliñiereñey;
Salakao ama' mahakama
o nivoratsakeo.
15 Ie nilaisa' iareo o fibarao,
i mesolava napotsoañey, naho
i fale nibitsokey, vaho
ty fanindria' i aliy.
16 Fa zao ty nafè' i TALÈ amako:
Añate ty taoñe raike,
ami'ty fañiaham-pikarama,

* **21:11** Doma: tondrahen-jono † **21:11** Seire: volovoloe; ose; kokolampa; tio-bey ‡ **21:13** Arabe: hariva; liolio; koake § **21:13** Dedane: ty araña'e; firañetañe; mpizaka * **21:14** Tema: hatea; fahafonirañe; heneke

le ho hene modo ty enge' i Kedare†.
17 Le tsy ho ampeampe ty sengaha'
o mpitàm-paleo,
o lahilahy manjofake amo ana-Kedareoo;
fa zay ty nitsara' IEHOVÀ,
Andriananañahare' Israele.

## 22

1 Ty entañe ty amy Vavatanem-Pahaoniñañey:
Ino ty maniloke azo henaneo gea,
t'ie miañambone mb'an-tafo mb'eo iaby!
2 Atsa-koràke rehe,
Ty rova mivalitsikotake,
ty positse mirebeke tia!
Toe tsy zinamam-pibara
o nibaibay ama' areoo,
tsy nitsingoro an-kotakotake!
3 Fonga nitrao-pivoratsake ty mpifehe' areo, f'ie tsinepake tsy am-pale,
hene miharo-rohy ze nitendreke
ndra te nihererеake añe.
4 Aa le hoe raho, Aviho amako o fihaino'oo; apoho hangolololoike ty tañy;
ko imanea'o hohò, ty amy fandrotsahañe
i anak'ampela' ondatikooy.
5 Fa ho andron-kankàñe,
fandialiañe naho ampoheke,
am-bavatanem-Pahoniñañe ao
boak' amy TALÈ IEHOVÀ' i Màroy;
ty fandrotsahan-kijoly,
vaho ty fikaikaihañe o vohitseo.
6 Nitintiñe i trañon'ana-paley t'i Elame
reketse sarete naho ondaty
naho mpiningi-tsoavala,
vaho nañafake i sarom-pikalan-defoñey t'i Kire*.
7 Ho tondroke te ho tsitsike sarete
o vavatane' areo fanjàkao,
vaho hilahatse an-dalam-bey eo
o mpiningi-tsoavalao.
8 Hinalo'e ty saro' Iehodà.
Nitolihe'o amy andro zay
o fialiañe añ'anjomban'alao;
9 Nisamba' areo o jeba'e an-drova' i Davideo t'ie maro; vaho nitoha rano
añ'antara ambane ey nahareo.
10 Nivolilie' areo o anjomba' Ierosalaimeo,
vaho nakoroma' areo ty anjomba ila'e
hanosohañe i kijoliy.
11 Nandranjia' areo talaha añivo' i kijoly roe rey hitañe ty rano' i antara antetsey—fe tsy niatoa' areo i namboats'azey,

† 21:16 Kedare: hainte'e; fandalañe, hontoke * 22:6 Kire: rova, kijoly, fivory

tsy nihaoñe' areo i nisafiry aze haehaey.
12 Amy andro zay nikoike fangololoihañe, naho fandalàñe, t'i Talè,
Iehovà' i Màroy,
naho fampikovohan-doha,
vaho fisikinan-gony;
13 Te mone: rebeke naho hafaleañe,
tombok'añombe
naho fandentàñ' añondry,
fikamàn-kena naho finoman-divay:
Antao hikama naho hinoñe,
ke ho mate maray!
14 Aa le naboa' Iehovà' i Màroy
an-tsofiko ao ty hoe :
Toe tsy amam-pañeferañe i hakeo zay
ampara' t'ie mihomake,
hoe t'i Talè, Iehovà' i Màroy.
15 Hoe t'i Talè, Iehovà' i Màroy:
Akia mb'amy mpamandroñey,
mb'amy Sebnà†, mpifehe' i trañoy mb'eo:
16 Ino ty zo'o atoy?
Ia o azo atoio,
te nihalia'o kibory etoa ho am-bata'o,
ie andavaha'o lonake an-kaboañe ey,
naho kaokaohe'o ho azo
ty fimoneña'o an-damilamy ao?
17 Inao! havokovoko' Iehovà
am-pivokovokoam-panalolahy añe rehe;
eka ho gore'e an-jitse,
18 havarimbari'e vaho havoeboe'e
hoe labole mb'an-tane miratraratra añe;
añe ty hihomaha'o,
ho añe ka o sareten' enge'oo,
ty hasalarañ' anjomban-talè'o tia.
19 Ho roaheko rehe tsy ho an-toe'o,
le hafotsako ho ambanen-tsaranga'o ao.
20 Ho tondroke amy andro zay te
ho kanjieko t'i Eliakime‡
ana' i Hilkià§, mpitoroko.
21 Le haombeako ty sarimbo'o,
hadiako ama'e ty sadia'o,
vaho hapoko am-pità'e eo i nifelehe'oy;
ie ty ho rae' o mpimone' Ierosalaimeo,
naho i anjomba' Iehodày.
22 Hanoeko an-tsoro'eo i lahin-dakilèn' anjomba' i Davidey;
ie manokake, tsy eo ty handrindry;
ie mandrindriñe tsy eo ty hanokake.
23 Haoreko hoe fàntake an-toe'e mafe eo;
ie ty ho fiambesam-bolonahetse
añ'anjomban-drae'e ao.

---

† **22:15** Sebna: i mitofay; i am-pandrohizañey ‡ **22:20** Eliakime: fiheren-kovelo' i A'hare § **22:20** Hilkia: Anjarako t'i Andrianañahare

24 Le hasampe’ iareo ama’e iaby
ty engen-anjomban-drae’e,
o tariratseo naho o tamingañeo,
ze fonga anam-pitiheke naho
ze hene fitovy naho o sajoao.
25 Amy andro añe zay, hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy,
le hitrànkañe i fantake nazitse
an-toe’e mafey,
hipoñake le hideboñe,
vaho hipitsoke ama’e o kilankañe
tama’eo; fa nitsara t’IEHOVÀ.

# 23

1 Ty entañe ty amy Tsore*:
mangolalaiha ry lakam-bein-Tarsiseo†;
narotsake re: pok’anjomba,
tsy amam-pitolia;
natalili’ o boake Kitio‡ .
2 Mianjina ry mpimoneñ’ añ’olotse añe;
ry natsafe’ o mpanao takina’ i Tsidone§, mpitsake i riakeio.
3 Ty tabiri’ i Sihore* an-drano mieneneo,
ty voka’ i Sakay ty tambe’e;
ie ty ni-tsena’ o kilakila’ ndatio.
4 Mimeñara ry Tsidone;
fa mivolañe i riakey,
manao ty hoe ty haozara’ i riakey:
Mboe lia’e tsy nitsongo raho,
tsy niterak’ajaja; tsy nañabey ajalahy,
tsy nañotroñe somondrara.
5 Ie pok’ e Mitsraime añe i taliliy,
le hioremeñe iereo ty amy enta’ i Tsore.
6 Mitsaha mb’e Tarsise mb’eo;
mangoihoia ry mpimoneñ’añ’olotseo.
7 Itoy hao i rova nirebeha’ areoy,
i nioreñe haehaey? i naneseañe o fandia’eo hitaveañe an-tsietoitaney?
8 Ia ty nikilily zao ty amy Tsore,
i mpanolon-tsabakam-panjakay?
Ie sindre ana-donake o mpandetakeo,
songa niroandria’ ty tane toy
o kinanga’eo?
9 Ereñere’ IEHOVÀ’ i Màroy zay,
hanivàñe ty firengevoha’
ze hene engeñe,
hamotsaha’e ze fonga onjoneñe
an-tane atoy.
10 Manginahinà an-tane’o eo
an-tsata’ i Sakay,
ry anak’ampela’ i Tarsise!

---

* 23:1 Tsore: haozarañe; vato; masioñe † 23:1 Tarsise; fitsakoreañe, fihotsohotsoañe ‡ 23:1 Kity: o mamonotrobokeo; volamena § 23:2 Tsidone: mañoro, maminta; tsinindroke * 23:3 Sihore: mainte; am-poheke; I saka Nailey

fa tsy eo ty mikalañe.
11 Natora-kitsi'e ambone' i riakey
ty fità'e,
nakopikopi'e o fifeheañeo;
fa linili' IEHOVÀ ty amy Kanàne
te ho mongoreñe o fipalira'eo.
12 Le hoe re: Tsy hirenge ka,
ry anak' ampela' i Tsidone demokeo,
miongaha, mitsahà mb'e Kity mb'eo;
fe tsy hahazoa'o fitofañe ty añe.
13 Hehe ty tane' o nte-Kasdio—
ondaty tsy teo
amy nandahara' i Asore aze
ho amo ampatrambeioy;
natroa' iareo o rafi-panamea' iareoo, nakorenda' iareo o anjomba'eo; nampangoakoahe' iereo.
14 Mangolalaiha ry lakam-bei' i Tarsiseo,
fa rotsake i fiampira'oy.
15 Ho tondroke amy andro zay te
haliño fitom-polo taoñe ty Tsore,
ami'ty androm-panjaka;
ie peake i fitom-polo taoñe zay
le hifetsake amy Tsore i sabon-karapiloy.
16 Tintino i marovaniy,
mañariaria an-drova ao,
ry karapilo tsy tiahy; titiho feo mamy,
isabò sabo maro, hahatiahiañe azo.
17 Aa ie peake i taoñe fitompolo rey
le ho tendreke te ho tilihe' IEHOVÀ
t'i Tsore,
le himpolia'e i nanambezañe azey,
hanitsike o kila fifeheañe ambone' ty tane toy amy hakarapiloa'ey.
18 Havalike ho miavake am' IEHOVÀ
o kilanka'eo naho o tambe'eo;
tsy hahaja, tsy hakafitse;
fa ho a o mpimoneñe
añatrefa' IEHOVÀo
o tombom-baro'eo,
hahaeneñañe mahakama
vaho ho an-tsaroñe mañeva.

# 24

1 Heheke ampangoakoahe' IEHOVÀ i taney, ampiantoe'e, aotakota'e,
vaho aparatsia'e o mpimone'eo:
2 ty mpisoroñe naho ty fokonontsoa,
ty ondevo naho ty tale;
ty anak'ampatañe naho ty rakemba;
ty mpivily naho ty mpandetake;
ty mpampindrañe naho ty mpindrañe,
ty mampisongo naho ty mpisongo.
3 Hene ho korendaheñe i taney,

hakopake malio, fa nafè’ IEHOVÀ i tsaray.
4 Mioje i taney naho miforejeje, miheatse naho midrodremotse ty voatse toy,
fonga mitike o nonjoneñe an-tane atoio.
5 Tiniva’ o mpimone’eo i taney,
nandilatse Hàke iereo,
niotake amo fañèo,
vaho nivalike amy fañina tsy modoy.
6 Aa le nabotsem-patse i taney,
naho sesehen-kakeo
o mpitoboke ama’eo,
toly ndra minike o mpimone’ i taneio,
vaho tsy ampe ty sengaha’e;
7 Tsy vaño ty divay vao,
miheatse o vaheo;
hene miselekaiñe o mpifalefaleo.
8 Mijihetse ty firebeha’ o kantsàñeo,
migadoñe ty fikoraha’ o mpirebekeo,
milesa ty hafalea’ o marovanio.
9 Tsy minon-divay an-tsabo iereo;
mafaitse ty toake amo mikam’azeo.
10 Nakoromake i rova nitsamborohotakey;
songa mirindriñe ze anjomba,
tsy hiziliha’ondaty.
11 Firovetañe ty an-dalañe ey,
ty amy divaiy;
nagoboñe ze hene hafaleañe,
fa nafahañe ty firavoravoa’ i taney.
12 Nengañe hoake i rovay,
kinaboke ho fianto o lalambei’eo
13 Fa zay ty ho ie añivo’ ty tane toy,
anteñateña’ ondatio, manahake ty fañozoñozoñan-tsakoa,
naho ty fitimponañe ty sisa ami’ty fanontonañe valoboke.
14 Mampipoña-peo iereo, misabo an-drebeke;
mirañoraño o boak’ an-driakeo
mañonjoñe ty volonahe’ IEHOVÀ.
15 Aa le mandrengea IEHOVÀ
ry an-kazavañe añe,
ty tahina’ IEHOVÀ,
Andrianañahare’ Israele,
ry añ’olon-driakeo.
16 Boak’ antsietoitane añe
ty nahajanjiña’ay sabo:
Enge ho a i vantañey!
Fe nataoko ty hoe: Minike raho,
mitike avao; feh’ohatse amako!
Mikinia o mpikitro-drahao;
eka vata’e mikitroke ty mpikilily.
17 Ama’o ry mpimone’ ty tane toio
ty harevendreveñañe,
i koboñey, vaho i fandrikey.
18 Aa le ho tondroke te,

hikapotrake an-koboñe ao
ze ampivoratsahe’ ty talili’ i hekohekoy;
naho ho tsepahe’ ty fandrike ze manganike boak’ an-koboñe ao;
fa misòkake o lalan-kede añ’abo eñeo
vaho miezeñezeñe o faha’ ty tane toio.
19 Seňake ty tane toy, mangorobagorobañe;
nampigavengaveñeñe ty tane toy.
20 Mivembeñe hoe ondaty jike
ty tane toy;
mitroetroe hoe kibohotse;
mavesatse ama’e o fiolà’eo,
ie hikorovoke tsy hitroatse ka.
21 Ho tondroke amy andro zay te
ho lilove’ IEHOVÀ i valobohòn-dikerañey,
an-dindiñ’ añe,
naho o mpanjaka’ ty tane toio,
an-tane atoy.
22 Hatontoñe, manahake ty añoroñañe
mpirohy am-balabey ao,
naho hagabeñe am-porozò ao;
ie naha-modo andro maro ao
vaho ho liloveñe.
23 Ho meñatse i volañey,
ho salatse i àndroy;
fa hifehe am-bohi-Tsione ey
t’IEHOVÀ, toe e Ierosalaime ao*,
le haboak’ amo mpifehe’ondati’eo ty enge’e.

# 25

1 Ry IEHOVÀ, Andrianañahareko Rehe,
hañonjoñ’Azo raho,
ho bangoeko ty tahina’o,
ty amo fitoloña’o tsitantaneo;
ihe nisafiry haehae
am-pigahiñañe naho an-katò.
2 Fa nanoe’o votre ty rova,
naho fianto i rova fatra-piaroy;
tsy rova ka i anjomban’ ambahiniy,
vaho tsy hamboareñe ka.
3 Aa le hañonjoñe Azo
ondaty manjofakeo,
hañeveñe ama’o
o rovam-pifeheañe mitromoroñeo.
4 Fa nifipalira’ o rarakeo rehe,
fitsoloha’ o misotrio,
fiampirañe an-tio bey,
fialofañe amy hatrovohañey;
naho hoe tio-bey an-kijoly
ty fikofoha’ o maharevendreveñeo.
5 Manahake ty hatrevohañe

---

* **24:23** Ies 12:6, 16:5, 46:13, 52:8, 59:20, Sab 102:16, Iek 43:7-9, Ioe 3:17, 4:17, Mik 4:7-8, Tsf 3:14-17, Zek 1:16-17, 2:10, 8:3-8, 14:1-11, Top 1:6-7, Ben 21:1-27

an-tane maike eo,
ty hampitsiña'o ty fikoraha'
o ambahinio;
hambañe ami'ty talinjon-drahoñe
amy fipisañañey,
ty hampijomohoñe
ty fibekoa' o mangosasàkeo.
6 Ami'ty vohitse toy ty hañalankaña'
IEHOVÀ' i Màroy sabadidake
amo raha mafirio ze kila ondaty,
takataka aman-divay natadrètse,
ty vondrake pea' ty betron-taolañe,
vaho divay soa-filomboke.
7 Le hagedra'e ami'ty vohitse toy ty fikolopofañe ami'ty vinta' ze kila-ondaty
naho ty marerarera mandrongoñe
o fifeheañeo.
8 Hatele'e ho mongotse ty havilasy,
vaho ho faohe' i Rañandria IEHOVÀ
amy ze hene laharañe ty ranompihaino;
hafaha'e ami'ty tane toy
ty sirika'ondati'eo;
zay ty nitsarà' IEHOVÀ.
9 Ho tseizeñe amy andro zay,
ty hoe: Toe Ie t'i Andriananañaharentika
nitamañe handrombake an-tikañey,
Ie IEHOVÀ niliñisan-tikañey, antao hifale naho hirebeke
amy fandrombaha'ey.
10 Fa ami'ty vohitse toy
ty hitofà' ty fità' IEHOVÀ,
vaho ho lialiàñe an-toe'e eo t'i Moabe,
hambañe ami'ty fandialiàñe
ty ahetse an-ditsake ao.
11 Le ho velare'e añivo'iareo o fità'eo ,
manahake ty famelara'
ty pilaño hilañoa'e,
fe harèke ty firengevoha'e
rekets' o taña-politì'eo
12 naho harotsa'e ambane o kijoli'o fatratse mitiotiotseo, eka, halama'e;
hazevo'e an-tane, le an-deboke ao.

# 26

1 Amy andro zay le ho takasieñe
e Iehodà ao ty sabo toy:
Manan-drova maozatse tika;
tinendre'e ho fandrombahañe
o kijoly naho fikalañañeo.
2 Sokafo o lalam-beio,
himoaha' i fifeheañe vantañe
mpitàm-patokisañey.
3 Hambena'o am-pierañerañan-to,
ze amam-pitsakoreañe mifahatse ama'o,
amy t'ie miato ama'o.

4 Iatò nainai'e t'IEHOVÀ,
amy te lamilamy tsy mb'ia ho modo t'IEHOVÀ, Ià.
5 Fa nakapotra'e
o mpimoneñe an-kaboañeo,
linama'e ambane' i rova miligiligiy,
nilamahe'e an-tane eo,
eka, mb'an-deboke ao.
6 Ho lian-tomboke,
ty fandia' o mpisotrio,
ty fidraidraita' o boròkao.
7 Lalañe mira ho amo vañoñeo izay
ihe, ry Andindimoneñe,
ro mañajary ty lala' o vantañeo.
8 Toe an-dala' o fizaka'oo
ry IEHOVÀ, ty nitamà'ay Azo;
i tahina'oy naho ty fitiahiañe Azo
ro fisalalàn'arofo'ay.
9 Nirie' ty fiaiko rehe te haleñe;
eka, nitsoek'azo an-troko ato;
amy te, ie ifetsaha' o fizaka'oo ty tane toy,
le hioke havantañañe ondatio.
10 Ndra te isoheñe o lo tserekeo,
tsy ho hai'e o havañonañeo;
fa hikitro-karatiañe
an-tanen-kavantañañe ao,
vaho tsy ho oni'e ty volonahe' IEHOVÀ.
11 Mionjoñe añ'abo ey ty fità'o,
ry IEHOVÀ, f'ie tsy isa' iareo;
zoe' iareo an-kasalarañe
ty fahimbaña'o am' ondatio;
eka, ho forototoen-afo o rafelahi'oo.
12 Ry IEHOVÀ,
toloro fierañerañan-jahay;
fa toe Ihe ro nanao
ze hene fitoloña'ay.
13 Ry IEHOVÀ Andrianañahare'ay,
fa nifehèn-drotompo ila' te ama'o zahay,
f'Ihe avao ty toñone'ay tahinañe.
14 Tsy ho veloñe o mateo,
tsy hitroatse o loloo;
zay ty namara'o naho nandrotsaha'o iareo
vaho fonga nimodoe'o
ty fitiahiañe iareo.
15 Nonjoneñe amo kilakila ondatio rehe,
ry IEHOVÀ,
eka nitoabotse amo kila taneo;
iasiañe pak' añ'olotse tsietoimone'
ty tane toy añe.
16 Ry IEHOVÀ, ie niampoheke
te nipaia' iareo Azo,
ampianjiñeñe ty nampidoandoaña' iareo
halaly ama'o ty amy fandilova'o iareoy.

17 Manahake ty rakemba mitsongo,
ie mitotoke ty hisamaha'e,
ie manaintaiñe vaho mikoaike
amo fitsongoa'eo;
hoe zay zahay ry IEHOVÀ tañ'atrefa'o eo.
18 Toe nivesatse zahay,
nangotsokotsoke,
fe hoe tioke avao ty naboloa'ay;
tsy nañeneke famotsorañe amy taney;
mbore tsy nahatoly ondaty ho
mpimone' ty tane toy.
19 Ho veloñe o nivetrake ama'oo,
hitroatse i sandriko nihomakey,
mivañona naho misaboa
ry mpitoboke an-deboke ao,
fa zono maraindray o zono'oo,
vaho haboloa' i taney o niloloo.
20 Antao ry ondatiko,
mihovà añ'anjomba'o ao,
arindrino o lalañe amboho'oo
mietaha hey ampara' te heneke
i fifomboañey.
21 Heheke! miakatse i toe'ey t'IEHOVÀ
handilo o mpimoneñ' an-tane atoio
ty amo hakeo'eo;
haboa' i taney ty lio niorike ama'e,
vaho tsy ho lembefa'e ka o vinono'eo.

# 27

1 Amy andro zay, le amy fibara'e
mitrotrofiake ra'elahy naho maozatsey
ty handilova' IEHOVÀ i fañaneñey,
toe i mereñe mibotatsakey;
ty fañaneñe, i mereñe mivanditsey;
vaho ho vonoe'e i fañanen-driakey.
2 Ie tondroke i andro zay:
Tetem-bahe fanjàka! Isabò!
3 Zaho IEHOVÀ ty miambeñe aze,
tondrahako rano erike;
ambenako haleñe naho handro
tsy mone ho joieñe.
4 Tsy mifombo ty an-troko ao,
Ie mea'e hisatse naho fatike raho,
le ho lialiako, haharoko forototoeñe.
5 Naho tsy zay, ee te hiatoa'e ty haozarako, hifampilongo amako;
ehe t'ie hifampirañetse amako.
6 Ho tondroke ty andro te hamahatse t'Iakobe,
hibotiboty naho hitaroke t'Israele;
vaho ho tsitsi-kavokarañe
ty an-tarehe' ty tane toy.
7 Linafa'e hao re manahake ty

nandafa'e o nandafa azeo?
He vinono re hambañe ami'ty
nanjamane'e o namono azeo?
8 Fandroahañe, faneseañe mb'eo añe
ty nihotakotaha'o am' iereo;
amy kofò'e mangosasàkey
ty nampisitaha'e iareo
amy andro' i tioke atiñanañeiy.
9 Fa zay ty vilin'ai' Iakobe ty amo tahi'eo,
zao ty havokarañe handopolopo
ty amy nañahàñe o hakeo'eoy:
te ho fonga dorodemohe'e
ty vato' o kitrelio,
tsy hitroatse ka o hazomangao
naho o sare' i àndroio.
10 Miereñereñe i rova soa-fikalañey,
kialo koake naho naforintseñe
manahake i fatrañey,
ho fiandraza' o anak'añombeo,
eo ty andrea' iareo,
eo ty añolira' iareo o tsampa'eo.
11 Hapekañe o tsampa'e niforejejeo;
homb'eo o rakembao handrehetse aze;
amy t'ie tsy ondaty mahilala,
aa le tsy hiferenaiña' i Namboatse iareoy,
tsy hitretreza' i Nitsene iareoy.
12 Ho tondroke amy andro zay te hanatake boak' amy fikararaha' i Oñey pak' amy
Toraha' i Mitsraimey t'IEHOVÀ, le hatontoñe kiraikiraike* nahareo, ry ana' Israeleo.
13 Le ho popoheñe amy andro zay ty antsiva jabajaba vaho hikovovoke mb' etoa o
nimotso an-tane' i Asoreo naho o nampitsirantsiràñe an-tane Mitsraimeo hitalahoa'
iareo am' IEHOVÀ amy vohi-miavake e Ierosalaimey.

# 28

1 Hankàñe amy sabaka-pisengea'
o mpijike' i Efraimeoy,
naho amy fihearam-boñe'e nifanjaka
ami'ty hatsomerentsere'ey,
i an-doham-bavatane vondra'
o niopo-divaioy.
2 Heheke te manañe ty maozatse
naho ty fatratse t'i TALÈ,
hoe tio-bein-kavandran-gadaboñe,
tangololahy mampianto,
hoe fisorotombahan-drano mienene,
ty hamokovokoam-pita'e aze
an-kasiahañe mb'an-tane mb'eo.
3 Ho lialiàm-pandia i sabaka niebotsebora'
o mpijike mena' i Efraimeoy.
4 Le i voñe an-doham-bavatane vondrakey ro hIheatse amy hasoa-vinta'ey,
naho i sakoa loham-boan' asaray, ie vata'e isake naho am-pità'e ao, ro habotse'e.
5 IEHOVÀ' i Màroy ty ho halam-

* 27:12 Iir 3:14-15

boñem-bolonahetse amy andro zay,
Sabaka fanjaka ho a' ondaty sehanga'eo;
6 naho ty arofo tò amy miambesatse an-jakay,
Vaho haozarañe ho amo manebañe
i hotakotake an-dalam-beiy.
7 Avembèn-divay naho ampidaleandaleañen-toake ka retoañe:
ampisiotsioren-toake ty mpisoroñe
naho ty mpitoky; alihen-divay iereo, avembèn-toake;
mitoantoañe añ'aroñaroñe iereo, mikolitrekolitre t'ie mizaka.
8 Mañàmpo o fans ambane
ty loa naho leotse,
ie tsy aman-toetse malio.
9 Ia ty hañòha'e hilala,
naho ia ty hampalangese'e i taliliy?
O vaho notàñe amy rononoio hao?
O vaho nasitake am-patroao hao?
10 Fa, fañè manovom-pañè, fañè am-pañè,
patetse am-patetse, patetse am-patetse,
kede atoy, kede aroy.
11 Toe am-pivimby mibedobedo,
naho am-pamelen' ambahiny,
ty hisaontsia'e am'ondatio,
12 ie nanoeñe ty hoe: Fitofàñe toy;
ampitofao o mokotseo;
zao o fanintsiñañeo;
fe tsy nañaoñe iereo.
13 Aa le hoe ty hitsara' Iehovà:
Fañè tovoñam-pañè, fañè am-pañè,
patetse am-patetse, patetse am-patetse,
kede ty atoy, kede ty aroy.
Soa te ie mandeha iereo ro
hitoboly, ho pozaheñe,
ho fandriheñe, vaho ho tavaneñe.
14 Aa le janjiño ty tsara' Iehovà
ry mpanivetive mifeleke ondaty
e Ierosalaime ao retoa.
15 Ami'ty natao' areo ty hoe:
nilahatse amy Havilasiy zahay,
vaho nifañina amy Tsikeokeokey;
le ie misoroke atoy ty kiria mamaoke
le tsy homb'ama'ay zay;
fa ipalira'ay ty fandañirañe,
itsoloha'ay i remborake;
16 Aa le hoe t'i Talè Iehovà :
Heheke te mampipoke faham-bato
e Tsione eo raho, vato tsinòke;
vaton-kotsoke sarotse, soa fijadoñe;
Tsy ho tsòtseke ty mpiato ama'e.
17 Hanoeko talim-panjeheañe ty hatò,
naho havantañañe ty fampimiràñe,
ho faopaohen-kavandra
ty fipaliram-bodiake,

vaho handoparan-drano i fiampirañey.
18 Ho mongoreñe ty fañina’ areo
amy Havilasy,
tsy hijadoñe ty filahara’ areo
amy Tsikeokeoke;
ie mitoañe mb’eo ty kiria mamaoke,
le ho lialià’e nahareo.
19 Ndra mbiambia ty hirangà’e,
le ho fihine’e nahareo,
fa boak’ andro ty hitoaña’e,
handro an-kale;
vaho ho vata’e maharevendreveñe
ty andrendrehañe ty tali’e.
20 Loho bory ty fandreañe,
tsy mete ihitsiañe,
kede ty am-pohe’ i bodoy
tsy mete isafononohañe.
21 Hiongake hoe tam-bohi-Peratsime*
t’Iehovà,
hitroñe manahake tam-bohi’ i Gibone† ,
hanoe’e ty fitoloña’e
—tolon-draha boidy,
hihentseña’e ty sata’e—sata àlike!
22 Ie amy zao, apoho ty fanivetiveañe,
hera ho fihineñe o tali-randra’ areoo,
fa tsinanoko amy Talè, Iehovà’ i Màroy
te fa tsinè ty fandrotsahañe i tane iabiy.
23 Mijanjiña naho tsendreño ty feoko;
haoño vaho janjiño o entakoo.
24 Mitrabake nainai’e hao ty mpitongy?
ho troboe’e naho ho fantaña’e
nainai’e hao i taney?
25 Ie fa nampirae’e i taney,
tsy handraraha’e vañemba‡ hao
naho amitseza’e vihinja§?
Tongise’e am-piriritañe ty vare-bolè*,
le an-toe’e eo ty vare-horodè†,
vaho añ’olotse ey ty kosemete‡.
26 Amy t’ie anareko hisafiry,
mañòke aze t’i Andrianañahare’e.
27 Tsy lisanem-baoñe ty vañemba,
tsy aodiñ’ an-daròn-tsarete ty vihinja,
fe kimokimohen-doda ty vañemba
naho lisaneñ’ akalo ty vihinja.
28 Demoheñe ty vare-bolè hanoañe mofo,
fa tsy lisaneñe nainai’e,
eo ty mandialia aze an-tsarete
reketse soavala ambone’e eo,

---

* **28:21** Perazime: fizarazarañe † **28:21** Gibeone: fititike; tamboho; naonjoñe ‡ **28:25** Heb: kètsake
§ **28:25** Heb: kamone * **28:25** Heb: kità † **28:25** Heb: sehorà ‡ **28:25** Kosemete: karazam-bare-bolè

fe tsy hotomomohe’e.
29 Boak’ am’ IEHOVÀ’ i Màroy ka izay,
miambake ty fanoroa’e,
tsy amañ’ohatse ty hihi’e.

## 29

1 Hekoheko ry Ariele*, ry Ariele†,
ty rova nitobea’ i Davide!
Tovoño taoñe an-taoñe,
ampitoitoio o sabadidakeo!
2 Le handesako haemberañe ty Ariele,
le ho fandalàñe naho firovetañe ty ao,
ie hanahake Ariele amako.
3 Le ho arikatohako rehe;
ho arikoboñako votre abo,
hatroako ama’o ty rafi-panameañe
4 Le hafotsak’ ambane rehe,
hisaontsy boak’an-tane ao,
hirik’an-deboke itsalalampa’o ao
ty hipetropetroha’o,
hanahake ty feon’ angatse
boak’ an-tane ao
ty antseñàntseña’o,
vaho higeongeoñe boak’ an-demboke ao
ty filañona’o.
5 Fa hanahake ty deboke mibò
o rafelahi’o maroo,
le hoe kafo mihofa
o mampangebahebake tsifotofotoo—
eka, hafetsak’ aniany, ami’ty manao zao.
6 Hitilike anahareo t’IEHOVÀ’ i Màroy
reketse hotroke naho fanginikinihañe,
naho fitromoroñañe, naho tangololahy,
naho tiobey vaho ty lel-afo mamorototo.
7 Le ty valobohò’ o fifeheañe iaby
mialy amy Arieleo,
o mifandrapake ama’eo,
naho o rafem-pañarikatohañe azeo,
naho o mampalovilovy azeo,
le hanahake ty nofy,
ty aroñaroñe an-kaleñe;
8 Le ho hambañe ami’ty saliko mañinofy, heheke t’ie mikama,
f’ie tsekake, mbe mikolempa ty tro’e; naho ty fañinofisa’ ty taliñiereñe,
heheke t’ie minon-drano,
ie mibarakaoke hehe te mbe miheahea,
tsy afake i harandrano’ey,
hanahake zay ty valobohò’ o fifeheañe iaby haname i vohi-Tsioneio.
9 Mijimejimeña naho midebedebea,
migoà vaho mitambara ho fèy!
jike iereo, fa tsy an-divay!

* 29:1 Ariele: añaram-binta’ Ierosalaime † 29:1 Ariele: kitrely; hazava ndra liona’ IEHOVÀ

mivembeñe fa tsy an-toake!
10 Fa nadoa’ IEHOVÀ ama’ areo
ty fañahy mampilañake ty roro;
fa nakipe’e ty fihaino’ areo, (o mpitokio); naho fa kinolopo’e
ty añambone’ areo (o mpioniñeo).
11 I hene aroñaroñey le ho ama’areo
hoe tsara am-boke linite,
ie atolo’areo ami’ty mahay mamaky,
ami’ty hoe: Ehe, vakio toy,
le hoe ty hatoi’e: Tsy mete fa linite.
12 Le ie atolo’areo ami’ty tsy mahay,
ami’ty hoe: Vakio toy,
le hanoa’e ty hoe: Tsy mahay raho.
13 Hoe t’i TALÈ:
Kanao mañarine ahy am-palie,
ondaty retoañe
naho miasy ahy am-pivimby,
ie ahanka’ iareo lavits’ahy o arofo’iareoo, vaho lili’ ondaty avao
ty añoha’iareo ho fañeveñañe amako‡;
14 Inao, hanoeko raha mampañeveñe
indraike ondatio: halatsañe mahadaba;
ho mongotse ty hihi’ o mahihi’ iareoo
naho hikafitse ty hilala’
o mahilala’ iareoo.
15 Hankàñe amo mañetake ty fikinià’iareo laleke tsy ho oni’ IEHOVÀo,
amo mikitroke raha añ’ieñeio,
naho manao ty hoe:
Ia ty mahavazoho’ antika? ndra:
Ia ty maharofoanañe antika?
16 Hete! akore ty hamengoha’ areo!
Hasiñeñe manahake i mpanao valàñe taney hao i litsakey?
hanao ty hoe amy namboatsey
hao i namboareñey:
Tsy ihe ty namboatse ahy.
Ndra hanao amy nandrafitse azey ty hoe: Tsy mahilala rehe?
17 Tsy aniany avao hao te havalike
ho tonda kobokara ty Lebanone,
vaho hatao ala i teteke kobokaray?
18 Amy andro zay,
ho janjiñe’ o kareñeñeo ty tsara
am-boke ao,
le boak’ami’ty fimoromoroña’e
naho ty fanalinjoña’e ao
ty hahaisaha’ ty fihaino’ o feio.
19 Hañonjon-karebehañe am’ IEHOVÀ
o tretram-poo,
naho handia taroba amy Masi’Israeley
o rarake am’ondatio.
20 Fa hihelañe añe i mpitrotrofiakey,
naho hijihetse i mpañìnjey,

‡ **29:13** Mat 15:8-9, Mar 7:6-7

toe fonga haitoañe
o mahimbam-panao ratio;
21 O mampandilatse ondaty
an-tsaontsy,
naho mamandrike
i mizaka an-dalam-beiy,
vaho mikatramo ty vantañe
an-dreha-borosodeo.
22 Aa le hoe t'IEHOVÀ
mpijebañe i Avrahame,
ty amy anjomba' Iakobey:
Tsy ho salatse t'Iakobe henane zao,
vaho tsy hiko-mavo i lahara'ey,
23 Ie isa' o ana'eo o satan-tañako
añivo'eo, le havahe'iereo ty añarako
Eka! hiasia' iareo i Masi' Iakobey,
vaho hañeveñe
amy Andrianañahare' Israele.
24 Le hahilala o mandilatse an-trokeo,
vaho hañaom-pañanarañe
o miñeoñeoñeo.

# 30

1 Hankàñe amo anake miolao,
hoe t'IEHOVÀ,
misafiry iareo fe tsy ahiko;
mandahatse tolon-draha,
fa tsy an-Troko,
ie hanovoñe hakeo naho tahiñe.
2 O mijelañe mb'e Mitsraime mb'eo
fe tsy nañontane am-bavakoo;
hitsoloha' iareo ty kijoli' i Parò
naho hipalitse an-talinjo' i Mitsraime.
3 Aa le hifotetse ho hameñarañe
ty kijoli' i Parò,
vaho ho salatse nahareo te mipalitse
an-talinjo' i Mitsraime.
4 Toe e Tsoane* ao o roandria'eo,
naho e Kanese† ao o sorotà'eo.
5 Hene ho salatse
ty am' ondaty tsy mahasoao,
tsy mañimba tsy mampitombo,
te mone heñatse naho inje.
6 Ty entañe ty amo bibi' atimoo.
ie hiranga tane manosotse naho
mañore, ami'ty hirifa' o liona
rene'eo naho i liona lahi'ey, ty lapetake
naho ty fandrefeala mibelañ'afo;
asese' iareo an-tsorom-borìke tora'e
ty vara' iareo, naho an-trafon-
drameva ty fanaña' areo,

* **30:4** Tsoane: fihetseke † **30:4** Kanese: rinoake ty falalañe

mb’am’ondaty tsy hahasoa.
7 Kafoake ty imba’ i Mitsraime,
toe tsy manjofake,
aa le nitokaveko ty hoe:
Rahabe‡ mihisetse.
8 Akia arè, sorato an-takelake
añatrefa’ iareo eo,
vaho sokiro am-boke ao,
ho amo andro añeo
ho fitaliliañe nainai’e.
9 Amy t’ie ondaty miola,
anake mavande,
ajaja tsy mete mitsanoñe
o Tsara’ Iehovào;
10 ie manao amo mpioniñeo ty hoe:
Ko mioniñe, naho amo mpitokio,
Ko mitoky ama’ay ty hahiti’e;
taroño ama’ay ty raha mora,
mitokia famañahiañe.
11 Isitaho o lalañeo, idisaho i lalam-bantañey, ajihero tsy ho aolo’ay
t’i Masi’ Israele.
12 Aa le hoe t’i Masi’ Israele,
kanao tsambolitio’ areo ty tsara toy,
naho miato ami’ty famorekekeañe
naho ty hamengohañe,
vaho mipitek’ ama’e;
13 le ho ama’ areo i hakeo zay,
manahake ty heba an-kijoly te higorobañe,
ie miboenatse an-kijolim-bato abo ey,
vaho migorogodeboñe amy zao
ty fihotraha’e;
14 ie hiparaitsake hoe valañem-panao valàñe tane,
le akore ty fipoñafa’e kanao
tsy ahatreavañe ndra tsila’e
amo biliti’e niparatsakeo
hahatintinañe vaen’afo
boak’am-patañe ao,
ndra ty hanilofañe rano hirik’ an-kadaha ao.
15 Aa hoe t’i Talè Iehovà, Masi’ Israele;
ty fisolohoañe naho fitofàñe
ty maharombake anahareo;
toe fianjiñañe naho fatokisañe
ro haozara’ areo.
Fe tsy nipaoke nahareo
16 te mone ty hoe: Aiy avao!
hioratse an-tsoavala zahay! —
toe hivoratsake nahareo! naho,
Hiningitse an-tsoavala lahi’e
mahafitsontike zahay—
aa le hipirirìtse ka o
mañoridañe anahareoo!

‡ **30:7** Rahabe: haozarañe mirengevoke

17 Arivo ty hibioñe
ami'ty fañembaña' ty raike,
hitriban-day nahareo ami'ty
fañembaña' ty lime, ampara' t'ie
miereñereñe hoe hazolahy
an-kaboañe eñe,
hoe viloñe ambone vohitse ey.
18 Toe mandiñe te hañisoke
anahareo t'IEHOVÀ;
hitretrèza'e boak' añ'abo ao.
Fa Andrianañaharen-katò t'IEHOVÀ;
haha iaby o mitamà Azeo.
19 Ry ondaty e Tsione,
mpimoneñe e Ierosalaimeo,
tsy hirovetse ka nahareo;
Ie hatarike ama'o
ty amy feom-pikaiha'oy,
hanoiñe kanao mahajanjiñe azo.
20 Aa ndra t'ie nazotso' i TALÈ
mofon-kasotriañe
naho ranon-kaloviloviañe,
tsy hietake an-kotsok' ao ka
i Mpañòke azoy.
le ho isam-pihaino'oo i Mpañana'oy;
21 Ho janjiñen-dravembia'o ty saontsy
am-boho'o ao manao ty hoe:
Intoy ty lalañe, añavelò,
naho itsile'o mb'ankavana
ndra mb'ankavia.
22 Le ho tivà' areo o sare-sokitse
nipakoreñe volafotio,
naho o sare trinanake
nohoñem-bolamenao,
ho faohe' areo añe
hoe raha maleotse;
vaho hanoa'o ty hoe, Soike!
23 Le ho tolora'e orañe ty tabiry
ho tongise'o an-tane eo,
hampitomboañe
mahakama boak' an-tane ao,
ho kobokara vaho hiregorego;
hangadagadañe ty fiandraza'
o añombe'oo amy andro zay.
24 Mbore hihinañe hane nisorobaeñe
o añombe naho birìke mpitrabake taneo,
ie fa nitsongae' ty letsoro naho firango.
25 Kila vohitse abo,
naho ze hene haboañe,
ro hikararahan-drano an-torahañe—
amy androm-panjamanañey,
ie mihotrake o fitalakesañ' aboo.
26 Hanahake ty hazavà' i àndroy i volañey,
le ho impìto ty hazavà'e i àndroy,

mira ami'ty hazavan-andro fito,
amy andro ampibandia' IEHOVÀ
ty fere' ondati'eoy,
vaho hampimelañe'e o naràn-dafa'eo.
27 Hehe te mb'atoy boak' an-tsietoiañe
ty tahina' IEHOVÀ,
miforoforo ami'ty haviñera'e,
milodolodo o hatoe'eo;
pea-pifombo o fivimbi'eo,
vaho hoe afo mamorototo i famele'ey.
28 Torahañe manganahana ty kofò'e,
mahatakatse am-bozo,
ho tsongà'e§ o kilakila'ndatio
ami'ty tsikelom-pandrebahañe;
vaho ho am-balañorà' ondatio
ty laboridy mampandilatse.
29 Hanan-tsabo hoe amy haleñe
fañambena'areo i sabadidakey nahareo;
naho hafalean-troke manahake
ty fionjonañe
am-peon-tsoly mb'am-bohi' IEHOVÀ
mb'an-damilami' Israele mb'eo.
30 Le hampijanjiñe' IEHOVÀ
ty fiarañanaña'e lifots' engeñe,
naho hampahaisaha'e
ty fivangoam-pità'e mañambane
ami'ty fitrotrofiaha' i haviñera'ey
ami'ty fisotratràhan' afo hamorototo,
ami'ty fiporitsahan-drahoñe
naho ty fikojojoahan' orañe
vaho ty havandra-gadaboñe.
31 Hampangebahebake i Asore
ty fiarañanaña' IEHOVÀ
ie fofohe'e an-kobay.
32 Le ze fandafàn-kobaim-pandilovañe
apao' IEHOVÀ ama'e,
harahem-pikantsañañe naho jejo-bory; le am-piekotsekòran-kotakotake,
ty hialia'e am' iareo.
33 Fa nihajarieñe haehae ty Topete,
hinalankañe ho a' i mpanjakay,
laleke naho mangorabake;
afo manodotse an-katae tsifotofoto;
viañe' ty kofò' IEHOVÀ, hoe
t'ie fifororoahan-tsolifara.

# 31

1 Feh-ohatse amo mizotso mb'e
Mitsraime mb'eo hipay olotse,
miato aman-tsoavala,
naho mirampy an-tsarete kanao maro,

---

§ **30:28** Amo 9:9

vaho amo mpiningitse ama’eo
katao maozatse;
f’ie tsy mitolike amy Masi’ Israele,
tsy paia’ iareo t’IEHOVÀ!
2 Fa mahihitse ka re hindesa’e hankàñe,
vaho tsy hampoli’e o tsara’eo;
f’ie hiongake hiatreatre
ty anjomba’ o lo-tserekeo
naho ty fañimba’ o mikitro-karatiañeo.
3 Ondaty ‘nio o nte-Mitsraimeo
fa tsy Andrianañahare,
naho nòfotse o soavala’eo fa tsy angatse;
aa le hatora-kitsi’ IEHOVÀ ty fità’e,
le hitsikapy ty mpañimba
naho hikorovoke i imbaeñey,
vaho songa hitrao-pihotrake.
4 Fa hoe t’IEHOVÀ amako:
Hambañe ami’ty liona
naho ty liona tora’e,
ie mitromoroñe ambone’ i nitsàtsa’ey,
ndra te maro ty mpiarak’añondry
nikoiheñe ty ama’e,
tsy mañembañe aze ty feo’ iareo,
tsy mañembetse aze ty fikorà’ iareo;
zay ty hizotsoa’ IEHOVÀ’ i Màroy
hialia’e am-bohi-Tsione,
naho an-kaboa’e eo;
5 Manahake ty fihelahela’ o voroñeo,
ty hañarova’ IEHOVÀ’ i Màroy t’Ierosalaime;
katao mañaro, mamotsotse,
kanao ihelaña’e ambone, mandrombake.
6 Mitoliha amy loho niolà’ areoy,
ry ana’ Israeleo.
7 Ie amy andro zay,
songa hañary ze sare-sokim-bolafoti’e
naho o saren-draha volamena’eo,
o tsinene am-pitañe aman-kakeoo.
8 Toe hampikorovohe’ ty fibara
tsy a’ ondaty ty Asore;
ty fibara tsy a’ ondaty ty hamotsek’ aze;
aa le tsy hibotatsaha’e i fibaray,
vaho ho mpitorom-pamorekèke
o ajalahi’eo.
9 Hihelañe añe am-pirevendreveñañe i hafatrara’ey,
naho hitsolofiñe amy saiñey
o mpifehe’eo, hoe t’IEHOVÀ,
an-Tsione ao ty afo’e vaho
e Ierosalaime ao ty toña’e.

# 32

1 Oniño te hifelek’ an-kavañonañe

ty mpanjaka,
vaho hifehe an-katò o roandriañeo.
2 Le hanahake ty fipalirañe
ami'ty tioke t'indaty,
naho hoe fitampiñañe ami'ty lihits' orañe,
hoe rano mitsiritsioke an-tane kànkañe,
hambañe ami'ty tevam-bato ialofañe
an-tane kirikintañe ao.
3 Le tsy hakipe ty fihaino' o mahaisakeo;
vaho hitsendreñe ty ravembia mahajanjiñe.
4 Haharendre-kilala
ty fivetsevetse bei-àreke,
hiaren-tsaontsy ty famele' o mènekeo.
5 Tsy hatao vañoñe ka ty dagola,
le tsy hatao matarike ty tsivokatse;
6 Amy te mivolam-borosode ty gege,
mikitro-draha raty ty tro'e,
hitoloñe tsy aman-Kake,
hivolañ' ota am' IEHOVÀ,
kefohe'e ty tro' i saliko,
vaho kapaihe'e ty fitovi' i taliñiereñey.
7 Tsy vente'e ty harao' o tsivokatseo;
kiniae'e loza an-tambaimbaiñe
o rarakeo,
ndra te mivolan-to i misotriy.
8 Misafiry fatarihañe ty matarike,
naho i fatariha'e ty ijadoña'e.
9 Miongaha ry rakemba miagarègañeo,
janjiño o feokoo;
ry anak'ampela mitabonìtseo
anoloro sofiñe o lañonakoo.
10 Ho ampoheke nahareo
te peake ty taoñe tovoñañ' andro
ry tsidaredareo;
fa tsy hamokatse o vaheo,
tsy ho toly i fanontonañey.
11 Mitititititiha, ry miaiñañoleñañeo, mimahimahiña ry miandrañandrañeo; maña-metsametsà, miboridaña,
misikina gony an-tohake
12 Mikabokaboha araña
ty amo tonda nisoao,
naho amo vahe niregoregoo,
13 ty amy tane-hoba' ondatikoy,
ie itiriam-patike naho hisatse;
eka, ty amo anjomba mitsinjakeo
vaho i rova mandia taròbay.
14 Fa kòake i anjombam-panjakay,
babangoañe i rova nitsitsike ondatiy;
fa lakato nainai'e ty haboa
naho ty fijilovañ'abo
fa fitsamboañam-birike lý
naho fiandraza' o lia-raikeo

15 ampara’ te adoañe amantika
ty Arofo boak’ añ’abo,
ie ho tete-kobokara ty ratraratra,
vaho atao ty hoe ala ty tonda vokatse.
16 Himoneñe am-patrambey ao
amy zao ty hatò,
vaho hañialo an-tonda kobokara ao
ty havantañañe.
17 Hamokatse fierañerañañe
ty havañonañe,
hahatoly fianjiñañe naho fatokisañe
nainai’e ty hamarentane.
18 Hitoboke
añ’akibam-pañanintsiñe ondatikoo,
naho am-pipaliran-tsoa,
vaho am-pitofàñe mipendreñe.
19 Manahake te mihotrake
ty amy havandray i alay;
t’ie harèke ambane i rovay.
20 Haha nahareo mpitongy
añ’olon-drano iabio,
o mampidada ty tombo’ o añombeo
naho o borìkeo.

# 33

1 Hankàñe ama’o ty mpandrotsake,
ihe tsy rinotsake;
ty mpamañahy, ihe tsy nifañahieñey!
ie migadoñe ty fikopaha’o,
le ho kopaheñe,
ie itroara’o o famañahia’oo,
le ho fañahieñe.
2 O ry Iehovà, toloro arofo zahay;
fa mandiñe Azo;
ehe te Ihe ho fità’ iareo boa’ maraiñe,
naho ty fandrombahañe anay
an-tsan-koheke.
3 Mampitriban-day ondatio
i feon-koràkey;
mibaibay o fifeheañeo ami’ty fiongaha’o.
4 Ahoro’e ty kinopa’areo
manahake ty añoroña’ ty beañe;
hoe fifamorohotan-kijeja
ty Iehovà
ro toe vara’e.
7 Inao! mangoihoy an-tameañe ey
ty lahitsiai’ iareo,
mangolololoike o sorotàm-pañanintsiñeo.
8 Vahiny o lalañeo tsy amam-pañavelo,
nifotera’e i fañinay,
tsinambolitio’e o rovao,
tsy haoñe’e ondatio.

9 Mandala o taneo vaho miforejeje;
salatse ty Lebanone, miheatse;
hoe fatran-tane ty Sarone*
mihintsam-boa ty Karmele†
naho i Basane‡.
10 Hiongake amy zao raho, hoe t'IEHOVÀ;
honjonen-dRaho henaneo,
ho rengen-dRaho henane zao.
11 Mampiareñe kafo'e nahareo,
hisamake forompotse;
hamorototo anahareo hoe afo
ty kofò'areo.
12 Ho tomomoheñe hoe sokày ondatio,
hoe fatike finira, nitomontoñe añ'afo,
13 Mijanjiña ry an-tsietoitane añe,
ino o nanoekoo?
Ry marine eo, iantofo o haozarakoo.
14 Mirevendreveñe o mpanan-kakeo
e Tsioneo
fihine' ty fihitikitike ty tsy aman-Kake.
ia aman-tika ty hahafitoboke
amo afo mamorototoo,
ia aman-tika ty hahafimoneñe
amo afo manòba nainai'eo?
15 I mpañavelo an-kavantañañe,
naho misaontsy an-kavañonañey;
ie tsy mañaoñe ty varam-pikatramoañe,
i mañelahela fitàñe
tsy handrambesa'e vokàñey,
ty manjenjen-dravembia tsy ho janjiña'e
ze o fampiorihan-dio zao,
ie mikipe fihaino tsy hahaisaha'e
ty raty.
16 Himoneñe an-kaboañe ey re,
kijolim-bato ty ho fipalira'e,
hazotso ama'e ty mahakama'e,
tsy hisike ty rano'e.
17 Ho isam-pihaino'o ami'ty
hatsomerentsere'e i mpanjakay;
ho oni' iareo ty tane mitakatse añe.
18 Hañerehere ty tro'o ty fangebahebahañe:
Aia i mpamoliliy, aia i mpandanjay?
Aia i mpañiake o fitalakesañ'abooy?
19 Tsy ho isa'o ka ondaty mangosasàkeo;
ondaty aman-tsaontsy
miheotse tsy fohiñeo,
o amam-pameleke mibedobedo
tsy rendre'o.
20 Vazohò t'i Tsione,

* **33:9** Sarone: ty monto'e; ty sabo'e † **33:9** Karmele: añondry vosy; fitatahañe; ‡ **33:9** Basane: ami'ty nife; ndra aman-tsifa

i rovam-pamantaña-masin-tikañey;
ho isam-pihaino’o te fimoneñañe
mierañerañe t’Ierosalaime,
kijoly tsy hahoroñe,
amam-pàntake tsy hombotañe,
aman-taly tsy ho tampaheñe.
21 Hindre aman-tikañe ami’ty volonahe’e, t’IEHOVÀ,
an-toetse amañ’oñe
naho torahañe mibànatse;
tsy handenà’ ty lakañ’ am-pivey,
tsy ho rangaen-tsambo.
22 Toe mpizakan-tika t’IEHOVÀ
Mpandily antika t’IEHOVÀ,
Mpanjakan-tika t’IEHOVÀ;
Ie ty handrombake an-tika.
23 Fa migebañe o talin-tsambo’oo,
tsy mitàñe i fahan-daiy,
tsy mamela-day;
Akore ty habei’ o kinopake zaraeñeo
kanao andivañe amo kepekeo.
24 Tsy hanao ty hoe ty mpitoboke ao:
Siloke raho;
Hafahan-kakeo ondaty mimoneñe aoo.

# 34

1 Mitotoha hijanjiñe ry fifeheañeo, mitsendreña ry ondatio!
Mitsanoña ry tane, naho ze halifora’e;
ty voatse toy naho ze hene aboa’e.
2 Iforoforoa’ IEHOVÀ o fifeheañeo*,
ifomboa’e iaby o lahindefo’eo;
fa zinama’e iereo,
nasese’e ho mongoreñe.
3 Havokovoko alafe ao o vinono am’iareoo,
hakare’ o loloo ty fañati-fofo’e,
hidoandoañe amo vohitseo ty lio’ iareo,
4 Ho momoke i valobohòn-dindiñey,
le hapeleke hoe †tihy o likerañeo;
hene hihintsañe ty fifamorohota’ iareo manahake ty fiforejejen-dravem-bahe,
vaho i miheatse an-tsakoañey.
5 Fa àtsa-dio andikerañe ao ty fibarako, hehe t’ie mizotso mb’ Edome mb’eo henaneo hizaka,
mb’am’ondaty nafàko harotsakeo.
6 Etsa-dio ty fibara’ IEHOVÀ,
nampivondrahen-tsolike,
ami’ty lio’ o añondrio naho o oseo,
ami’ty safom-boan-kobatroke;
fa manañe fisoroñañe e Botsrà añe
t’IEHOVÀ,
naho fanjamanañe an-tane Edome ao.
7 Hindre ama’e hizotso o ndrimoo,

* 34:2 Iir 30:11 † 34:4 Heb: boke-peleke

o baniao rekets' o maozatseo;
le ho kotsa-dio ty tane' iareo,
vaho ho bobohen-tsolike ty debo' iareo.
8 Fa aman'andro hamalea'e t'IEHOVÀ,
taoñe hañondroha'e i Tsione.
9 Hovaeñe ho lokotara o toraha'eo,
ho solifara o lembo'eo;
hene hifotetse ho lokotara milebaleba
o tane'eo.
10 Tsy hakipeke handro ndra haleñe, hitolom-pionjoñe avao ty hatoe'e;
ho kòake an-tariratse an-tariratse,
tsy hirangañe nainai'e donia.
11 Ho fanañan-tangongo
naho sama ty ao,
ho fimoneñam-borondolo naho koàke, ho vavare'e ama'e ty talin-kakoahañe
naho ty talim-polò hakapaihañe.
12 O roandria'eo, tsy eo ty ho kanjieñe
ho mpanjaka;
kila ho mongotse o ana-dona'eo.
13 Fatike ty hitiry amo fijilova'e fatratseo, hìsatse naho ropiteke amo kijoli'eo;
ho fitoboha' o fanalokeo,
naho ty fanozora' o voron-tsatrañeo.
14 Ho fikaoña' ty farasy naho ty fanaloke, hikoike o hamaroa'eo ty ose-lý;
Eka, hitoboke ao ty voron-dolo,
ho tendreke ao ty fitofa'e.
15 Hamboare' i lapetakey ty traño'e
naho hifana ao, naho hamoy,
vaho hatonto'e ambane' talinjo'eo,
hifamory ao ty vantio,
songa amam-bali'e.
16 Kodebeo ty boke' IEHOVÀ, le vakio:
tsy am'iereo ty ho motso,
sindre ho amam-bali'e;
i falie'ey ty nandily,
le i arofo'ey ty nanontoñe iareo.
17 Niazo'e an-tsapake iareo,
le zinaram-pità'e am'iereo an-taly
o anjara'eo;
ho fanaña' iareo nainai'e,
tariratse an-tariratse
ty fimoneña' iareo.

# 35

1 Hifale ty ratraratra naho ty paipaiñe, hirebeke i vavataney,
vaho hitaroke hoe dokonose;
2 Handrevake re vaho hirañaraña
an-drebeke naho sabo;
hatolots'aze ty enge' i Lebanone,
ty hafanjàka' i Karmele naho i Sarone; hahaisake ty enge' IEHOVÀ iereo,
ty volonahen' Añaharen-tika.
3 Haozaro o fitàn-kengeo
le hafatraro o ongotse mikoletrao,

4 Ano ty hoe o embetse an-trokeo: Manintsiña, ko hembañe!
hehe te ho avy t'i Andrianañahare' areo, aman-tambe naho famalean' Añahare handrombake.
5 Le hibeake ty fihaino' o goao
naho ho sokafeñe ty ravembia' o gìñeo;
6 Hitsamboañe hoe hirañe ty kepeke
vaho hisabo an-kaehake ty famele' o moañeo; higoangoañan-drano ty fatrambey naho ty torahañe am-bavatane eo.
7 Hifotetse ho antara ty tane maike,
naho rano manganahana o paipaiñeo,
hitiria' ty vinda o korontsom-panalokeo, vaho handimbe o ahetseo
ty tongoahara naho ty sale.
8 Ho eo ty lalan-gadagadañe,
ty fañaveloañe hatao ty hoe
ty Lala-Piavahañe*,
tsy homb'ama'e ty tsy malio;
ie ho amo mpañavelo amy lalañey,
vaho tsy hihezeñe aze ty dagola.
9 Tsy ho ama'e ty liona,
tsy hanganike ama'e ty biby romotse;
tsy ho zoeñe ao iereo,
fa ho fañaveloa' o jinebañeo
10 le himpoly o vinili' IEHOVÀo,
hipoña-tsabo mb'e Tsione mb'eo;
naho hafaleañe tsy modo ty ho añ'ambone' iareo ;
Hitendreke firebehañe naho haravoañe vaho hihelañe añe ty hontoke
naho ty fiselekaiñañe.

# 36

1 Aa ie amy taom-paha folo-efats-ambi' Iekizkia mpanjakay le naname ze hene rova'
Iehodà nihafatrareñe t'i Senakeribe* mpanjaka' i Asore vaho tinava'e. 2 Nirahe'
i mpanjaka' i Asorey boake Lakise† mb'am' Iekizkia e Ierosalaime ao t'i Rabsakè‡
reketse lian-dahin-defo ra'elahy, le nijohañe an-talaha-drano miboak' amy antara
amboney, amy lalan-tetem-panasa-lambay ey. 3 Niavotse mb'ama'e mb'eo t'i
Eliakime, ana' i Hilkià, mpifelek' i anjombay naho i Sebna mpanokitse vaho Ioake§
ana' i Asafe, mpamolily.
4 Hoe t'i Rabsakè tam' iereo, Volaño henaneo am' Iekizkia: Hoe ty saontsi' i
mpanjaka ra'elahiy, i mpanjaka' i Asorey. Ajado' areo ami'ty inom-bao ze o fatokisa'
areo zao? 5 Hoe raho: fivolan-kòake hao ty atao safiry naho ozatse hahafialy? Aa
le ia ty iatoa' areo, kanao miola amako? 6 Hehe te iatoa' areo i fitoñom-bararata
vinonotrobokey, i Mitsraime; ie itoñona' ondaty am-pitàñe le trofake: zay t'i Parò
mpanjaka' i Mitsraime amy ze hene miato ama'e. 7 Aa naho manao ty hoe amako
nahareo: IEHOVÀ Iiatoa'ay t'i Andrianañahare'ay. Aa tsy ie hao ty nañafaha' Iekizkia
o toe'e ankaboañeo naho o kitreli'eo vaho nanao ty hoe am' Iehodà naho Ierosalaime
te amy ze o kitrely zao ty italahoa' areo? 8 Aa ehe manoa kizè amy taleko mpanjaka'
i Asorey, le hatoloko azo ty soavala ro'arivo, naho mete'o ty hampijoñe mpiningitse
ama'e. 9 Akore arè ty hampiambohoa'o ty mpifehe, faragidro' o mpitoron-talèkoo?

* 35:8 Sab 77:13 * 36:1 Senakeribe: roipiteke mandrotsake † 36:2 Lakise: i midraidraitse, mahafiavotse
‡ 36:2 Rabsakè: Talen-droandriañe § 36:3 Ioake: filongoa; rahalahi' IEHOVÀ

te hapite'o amy Mitsraime ty fiatoa'o hahazoa'o sarete naho mpiningitse! 10 Aa vaho
nionjoñe mb'an-tane atoy hao raho handrotsak' aze tsy ama' IEHOVÀ? Toe nanao ty
hoe amako t'IEHOVÀ: Mionjona haname o tane zao le rotsaho.
11 Aa le hoe t'i Eliakime, i Sebnà, naho Ioàke amy Rabsakè, Ehe, misaontsia
amo mpitoro'oo an-tsaontsi' i Arame, fa hai'ay; le ko misaontsy ama'ay an-tsaontsi'
Iehodà, am-pijanjiña' ondaty ambone' o kijolioo. 12 Fa hoe t'i Rabsakè: Aa vaho
nirahe' i talèkoy raho hivolañe amy tale' areoy naho ama' areo avao o entako zao, le
tsy am' ondaty mitoboke ambone' o kijolioo, o nozoñeñe hitraoke ama' o hikama ty
fiamonto'e naho hinoñe ty rano faria'eo?
13 Aa le niongake t'i Rabsakè vaho pinaza'e ty koike, ami'ty saontsi' Iehodà ty hoe:
Janjiño ty saontsi' i mpanjaka ra' elahiy, ty mpanjaka' i Asore! 14 Hoe i mpanjakay, Ko
apo' areo ho fañahie' Iekizkia, fa tsy ho lefe'e rombaheñe. 15 Ko ado' areo hampiatoa'
Iekizkia am' IEHOVÀ ami'ty hoe: Toe hamotsotse an-tika t'IEHOVÀ, le tsy hatolotse am-
pità' i mpanjaka' i Asorey ty rova toy. 16 Ko haoñe' areo t'Iekizkia; fa hoe ty mpanjaka'
i Asore, mifampilongoa amako le miavota mb'etoy; fa songa hikama ami'ty vahe'e
t'indaty, naho sindre ami'ty sakoa'e t'indaty vaho hene hinon-drano boak' an-tsajoa'e
t'indaty, 17 ampara' te homb'eo raho hanese anahareo mb'an-tane manahake ty tane'
areo, tanen-ampemba naho divay, tane ama mahakama naho tanem-bahe. 18 Ko apo'
areo hampivihe' Iekizkia ami' ty hoe: Handrombake antika t'IEHOVÀ. Fa ia amo
'ndrahare' o kilakila' ndatio ty nandrombake ty tane'e am-pità' i mpanjaka' i Asorey?
19 Aia o ndrahare' i Kamate[*] naho i Arpadeo[†]? Aia o ndrahare' i Sefarvaimeo[‡]? Fa
navotso' iareo an-tañako hao t'i Somerone? 20 Ia amo ndrahare' i tane rey iabio ty
nañaha aze an-tañako, te havotso' IEHOVÀ an-tañako t'Ierosalaime?
21 Fe nianjiñe avao iereo, leo volañe raike tsy natoi' iareo aze, amy linili' i
mpanjakaiy, ty hoe: Ko itoiñañe. 22 Nomb' am' Iekizkia t'i Eliakime ana' i Kilkeia
mpifeleke i anjombay naho i Sebnà mpanokitse naho Ioàke ana' i Asafe[§] mpamolily,
an-tsaroñe riatse, vaho nitaroñe i enta' i Rabsakèy.

# 37

1 Aa ie nahajanjiñe zay t'Iekizkia, le rinia'e o siki'eo naho nisaron-gony vaho
nimoak' añ'anjomba' IEHOVÀ ao. 2 Nirahe'e mb'am' Iesaià mpitoky ana' i Amotse
amy zao t'i Eliakime mpifeleke i anjombay, naho i Sebnà mpanokitse naho o zokem-
pisoroñeo songa nisaron-gony. 3 Le hoe ty enta' iareo ama'e: Hoe t'Iekizkia: Androm-
poheke naho trevoke vaho teratera ty andro toy; fa antitotse ho samake o ajajao fe
tsy eo ty haozarañe hahatoly. 4 He ho janjiñe' IEHOVÀ Andrianañahare'o o saontsi'
i Rabsakè nañiraham-panjaka' i Asore tale'eo hanigike an' Andrianañahare veloñe,
vaho hendaha' IEHOVÀ Andrianañahare'o i saontsy jinanji'ey; ehe mihalalia ho amy
ze sehanga'e mbe eo. 5 Aa le nivotrak' am' Iesaià eo o mpitoro' Iekizkiao. 6 Le hoe
t'Iesaià am' iareo: Zao ty ho saontsie' areo amy tale' areoy: Hoe ty nafè' IEHOVÀ:
ko hembañ' amo entañe jinanji'oo, amo niteratera' o mpitoro' i Mpanjaka' i Asoreo
Ahikoo. 7 Inao te hajoko ama'e ty fañahy, le hijanjiñe tolom-boetse naho himpoly
an-tane'e añe vaho hampikorovoheko am-pibara an-tane'e ao.
8 Aa le nibalike mb'eo t'i Rabsakè, vaho zoe'e nifañotake amy Libnà[*] ty mpanjaka'
i Asore, fa tsinano'e t'ie nienga i Lakise. 9 Le hoe ty jinanji'e ty amy Tirhakà[†],
mpanjaka' i Kose, Miavotse mb'etoa re hialy ama'o. Ie jinanji'e zay le nañitrike am'
Iekizkia ty hoe: 10 Ty hoe ty ho saontsie' areo am' Iekizkia mpanjaka' Iehodà: Asoao

[*] 36:19 Kamate: habosehañe; hatrofohañe; kijoly [†] 36:19 Arpade: fireandream-pijebañañe [‡] 36:19 Sefarvaime: boke roe; mpanokitse roe [§] 36:22 Asafe: mpanontone [*] 37:8 Libnà; foty, mangarahara [†] 37:9 Tirhakà: mpandohy; mpañontane; mpisamba derañe

tsy henga'o hanigìke azo t'i Andrianañahare iatoa'o, hanao ty hoe: Tsy hatolotse am-
pitàm-panjaka' i Asore t'Ierosalaime. 11 Inao, tsy jinanji'o hao ty nanoa' o mpanjaka'
i Asoreo amo hene taneo? ie nampangotomomohe'e; aa havotsotse hao nahareo?
12 Fa rinomban-drahare'e hao o rinotsan-droaekoo: i Gozane‡ naho i Harane§, naho
i Retsefe* vaho o ana' i Edene† e Telasareo‡? 13 Aia ty mpanjaka' i Kamàte naho ty
mpanjaka' i Arpade naho ty mpanjakan-drova' i Sefarvaime, ty a i Henà vaho Ivà?
14 Aa ie rinambe' Iekizkià i taratasy am-pità' o nampihitrifeñeoy naho vinaki'e;
le nionjomb' añ' anjomba' Iehovà mb'eo t'Iekizkia, vaho vinela'e añatrefa' Iehovà.
15 Nihalaly am' Iehovà t'Iekizkia ami'ty hoe: 16 Ry Iehovà' i Màroy, Andrianañahare'
Israele, mpiambesatse ambone' o kerobeo; Ihe ro Andrianañahare, Ihe avao, amy ze
kila fifeleha' ty tane toy; ry Andrianamboats' i likerañey naho ty tane toy. 17 Atokilaño
ty ravembia'o ry Iehovà naho janjiño; abolanaho o fihaino'oo ry Iehovà vaho vazohò;
inao ze hene enta' i Senkeribe, nahitri'e hañinje an' Andrianañahare veloñe. 18 O
ry Iehovà, Toe fonga nampangoakoahe' o mpanjaka' i Asoreo o fifeheañeo naho
o tane' iareoo, 19 vaho naretsa' iareo añ'afo ao o ndrahare' iareoo amy t'ie tsy
Andrianañahare, fa sata-pità' ondaty, hatae naho vato; aa le finongo'e. 20 Ie henaneo
ry Iehovà Andrianañahare'ay, rombaho am-pità'e zahay, soa te ho fohi' ze kila
fifeleha' ty tane toy te Ihe ro Iehovà, Ihe avao.
21 Aa le nahitri' Iesaià ana' i Amotse am' Iekizkia ty hoe: Hoe ty nafè' Iehovà,
Andrianañahare' Israele: Amy te ihe ro nihalaly amako ty amy Senkeribe mpanjaka'
i Asore, 22 le hoe ty tsara nafè' Iehovà ama'e:
Fa nanirika azo i anak' ampela' i Tsioney,
nitohafa'e an-drabioñe;
vaho nikofikofi-doha amboho'o ao
i anak' ampela' Ierosalaimey.
23 Ia ty sinigì'o naho tineratera'o?
Ia ty nañonjona'o feo?
Toe nampiandrae'o mañambone ey
o maso'oo, hiatreatrea'o
t'i Masi' Israele!
24 O mpitoro'oo ty nañamavoa'o
i Talè, ami'ty hoe:
Amo hatsifotofoton-tsaretekoo
ty nitroarako ankaboa' o vohitseo,
an-tsifitsifi' i Lebanone ao;
fonga finirako ze mendoraveñe abo;
naho ze akao soa;
nizilihako i haboañe lavitse ama'ey,
ty ala-vondro an-goloboñe kobokara.
25 Nihaly raho vaho ninon-drano,
le ami'ty lelam-pandiako ty nañamaihako ze hene saka' i Mitsraime.
26 Mboe tsy jinanji'o hao?
Tsietoimoneñe zay ty nisafiriako
taolo añe t'ie naereñereko;
ie o tafetetse henaneo;
te hafotetse ho kivotrevotre mangoakoake o rova nifatrareñeo.
27 Aa le ni-kede ozatse o mpimone'eo,
niampoheke vaho nisalatse,

‡ **37:12** Gozane: volon'añondry; fiandrazañe; § **37:12** Harane: Tane am-bohibohitse * **37:12** Retsefe: solike an-dalañe; vae mibelabela † **37:12** Edene: fivaraneahañe; hafaleañe ‡ **37:12** Telasare: tavaneñe mb'eo; mamotry

nanahake ty ahetse an-kivoke ey,
hoe rongoñe antsetra,
hoe ahetse ambone anjomba,
mae t'ie mbe tsy matoe.
28 Fe apotako o fiambesa'oo, naho
o fiavota'oo,
o fimoaha'oo vaho
o famantsiña'o amakoo.
29 Aa kanao nitazataza'o,
naho nañambone mb'amo
sofiko toañe ty korà'o,
le hanoeko am-piantsoña'o ao
ty porengoko,
naho am-pivimbi'o ty laboridiko,
vaho hampolieko mb'amy lalañe
nomba'o mb'etoañey.
30 Le zao ty ho viloñe ama'o:
hikama o raha mitiry avao nahareo
ami'ty taoñe toy;
le ze mijirike ama'e
ami'ty taom-paharoe;
le mitongisa ami'ty taom-pahatelo naho manataha, amboleo valoboke
vaho ikamao ty voka'e.
31 Le hamahatse mañambane ty hengaha' i anjomba' Iehodày ,
vaho hamoa mañambone.
32 Fa boake Ierosalaime ao
ty hiavota' ty honka'e
vaho hirik' am-bohi-Tsione
o mahafibotàfotseo;
ho henefe' ty fahimbaña'
IEHOVÀ' i Màroy.
33 Aa le hoe t'IEHOVÀ ty amy
Mpanjaka' i Asorey:
tsy himoake an-drova atoy re,
ndra hitifitse ana-pale,
tsy hiatrefa'e am-pikalañe
ndra hampitoabora'e votren-tane.
34 I lalañe nomba'e mb'etoañey,
ty himpolia'e mb'eo,
tsy himoake ami'ty rova toy re, hoe t'IEHOVÀ
35 Fa harovako naho ho rombaheko
ty amako ty rova toy,
vaho ty amy mpitoroko Davidey.
36 Aa le nionjom-beo ty anjeli' IEHOVÀ nanjamañe ty Rai-hetse-tsi-valo-ale-tsi-lime
arivo an-tobe' o nte-Asoreo; le ie nivañoñe maraindray t'indaty, hehe te fonga
nidondom-pate ty ey. 37 Niavotse amy zao t'i Senkeribe mpanjaka' i Asore, nimpoly
vaho nitoboke e Ninevèy ao. 38 Le teo t'ie nilolokе añ' anjomba' i Nisroke§ ndrahare'e
ao, te namatsik' aze am-pibara ty Adrameleke* naho i Sarezere† ana'e vaho nifiotse
mb' an-tane Ararate‡ añe. I Esar-kadone§ ana'e ty nandimbe aze ho mpifeleke.

§ **37:38** Nisroke: aly; vente'e; sigike; marefo * **37:38** Adrameleke: sarimbo; engeñe † **37:38** Sarezere: roandriañ'afo; mpamandroñe ‡ **37:38** Ararate: ozoñe mampitititike § **37:38** Esar-kadone: mpandrebake; hafaleañe;

# 38

1 Ie amy andro rezay, natindry fa heta'e t'Iekizkia; le nimb'ama'e mb'eo t'Iesaià
ana' i Amotse, nanao ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Hajario ty anjomba'o fa toe hivetrake, tsy
ho veloñe. 2 Nampitolihe' Iekizkia mb' an-drindriñe ty lahara'e vaho nihalaly am'
IEHOVÀ, 3 ty hoe: Mihalaly ama'o, ry IEHOVÀ, tiahio henaneo ty fandenàko añatrefa'o
an-kavantañañe naho an-kaliforan-troke, vaho nanao ze mahity am-pahaoniña'o;
aa ie nangololoike ty rovetse, 4 nivotrak' am' Iesaià ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe:
5 Akia saontsio am' Iekizkia ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ, Andrianañaharen-drae'o Davide.
Fa jinanjiko i halali'oy, nitreako o ranom-pihaino'oo; ingo ho tovoñako taoñe folo
lim' amby o andro'oo. 6 Ho hahako am-pitàm-panjaka' i Asore rehe naho ty rova
toy vaho harovako ty rova toy; 7 le zao ty ho viloñe ama'o boak'am' IEHOVÀ, te ho
henefa' IEHOVÀ i raha tsinara'ey: 8 Heheke te hampibaliheko soritse folo amo soritse
fa nilia'eo ty talinjom-panondro-andro' i Akhaze. Aa le nibalik' amy soritse folo fa
nomba'ey i àndroy.

9 Inao ty sinoki' Iekizkia mpanjaka' Iehodà, t'ie natindry an-tihy vaho nijangañe
amy arete'ey.

10 Hoe raho: Ami'ty tsipinde-mena'
o androkoo ty ijoñako
an-dalambein-tsikeokeoke eo;
kinalañ' amako o andro tsy nirikoo.
11 Hoe raho: tsy ho treako t'Ià,
Eka, Ià an-tane' o veloñeo;
tsy ho isako ka t'indaty mindre amo mpimone' ty tane toio.
12 Nombotañe vaho nasitake amako
hoe kibohom-piarak' añondry ty kijàko;
nahoronkoroñe hoe te asam-panenoñe ty fiaiko:
tinampa'e amy tenoñey raho,
handro an-kaleñe
ty hamongora'o ty fiaiko.
13 Nifeahako pak'ami'ty maraiñe,
manahake ty liona,
fe mbe nipozapozake iaby o taolakoo, añivo ty handro naho ty haleñe
ty nampigadoña'o ahy.
14 Mikora hoe tivoke naho aliotse raho;
mikò hoe deho;
nimokore' ty fiandrandràko o masokoo.
O ry IEHOVÀ, voatindry raho,
Ihe abey ro tsoako.
15 Ino ty ho volañeko? Nametse amako
re mbore nanoe'e;
hiezañe amo hene androkoo raho,
ami'ty hafairam-piaiko.
16 O TALÈ, irezay o mahajangañe ondatio,
mampanintsiñe ty troko rehe;
vaho mameloñ' ahy.
17 Tsy nanjo fañanintsin-draho
te mone haaferon' aiko;
fe o fikokoa'o ahikoo
ro nañaha'o ahy
amy kobon-kamodoañey;
vaho fonga nahifi'o amboho'o ao

o hakeokoo.
18 Tsy mahafandrenge Azo
ty tsikeokeoke,
tsy hañonjoñe azo ty havilasy;
tsy mahafitamà ty figahiña'o
ty migodañe mb'an-koak' ao.
19 O veloñeo, o veloñeo,
ie ro mandrenge Azoo,
manahake ty anoeko henaneo;
ampandrendrehen-drae amo keleia'eo
ty figahiña'o.
20 Handrombak' ahy t'IEHOVÀ;
le hititiha'ay ami'ty marovany añ'anjomba' IEHOVÀ ao o sabokoo,
amo hene andro hiveloma'aio.
21 Fa hoe ty natao' Iesaià: Ampangalao garaton-tsakoa hapakotse amy honay
himeara'e.
22 Nanao ty hoe ka t'Iekizkia: Ino ty viloñe hampionjoñ' ahy mb' añ' anjomba'
IEHOVÀ mb'eo?

# 39

1 Ie amy zay, nampañitrike taratasy naho ravoravo am' Iekizkia t'i Merodak-
baladane* ana' i Baladane†, mpanjaka' i Bavele; amy te jinanji'e t'ie natindry vaho
nibodañe. 2 Nifale t'Iekizkia vaho natoro'e iareo ty trañom-bara'e, ty volafoty, ty
volamena, naho o fampafiriañeo, i menake sarotsey naho i trañom-pikalaña'e iabiy
naho ze hene nioniñe amo vara'eo; tsy añ'anjomba'e ao ndra am-pifehea'e iaby ty
tsy natoro'e. 3 Aa le niheo mb' am' Iekizkia mb'eo t'Iesaià nanao ty hoe: Ino ty
nisaontsia' indaty rey? Le aia ty nihirifa' iareo te nimb' ama'o? Le hoe t'Iekizkia:
Boak' am-pifelehañe tsietoitane añe t'ie nimb' amako mb' etoy; hirike e Bavele añe.
4 Le hoe re: Ino ty niisa' iareo añ'anjomba'o ao? Nanoiñe ty hoe t'Iekizkia: Fonga
niisa' iereo ze añ'anjombako ao, tsy amo varakoo ty tsy nitoroako. 5 Aa le hoe t'Iesaià
am' Iekizkia: Janjiño ty tsara' IEHOVÀ' i Màroy:
6 Toe ho avy ty andro, te hendeseñe mb'e Bavele mb'eo ze he'e añ' anjomba'o ao
naho o vara nahajan-droae'o ho ami'ty andro toio, leo raike tsy hapoke, hoe t'IEHOVÀ.
7 Le o anake hiboak' ama'oo, o hasama'oo, ro hasese mb'eo ho vositse añ' anjombam-
panjaka' i Bavele ao.
8 Le hoe ty natoi' Iekizkia am' Iesaià: Soa i tsara' IEHOVÀ nisaontsie'oy, ie
nañereñere ty hoe; Amy te hanjo fierañerañañe naho havañonan-draho amo
androkoo.

# 40

1 Hohò, Hohò, ondatikoo,
hoe t'i Andrianañahare' areo.
2 Saontsio fañohòañe t'Ierosalaime,
vaho koiho ama'e te fa heneke ty ali'e*;
te jinebañe o hakeo'eo,
amy t'ie nandrambe indroe
am-pitàn' Añahare
ho vale' o hene tahi'eo.
3 Inao ty fiarañanañañe mikoike :
Anataho lalañe am-patrambey añe t'IEHOVÀ.

* 39:1 Merodake: soloho mafaitse; † 39:1 Baladane: tsy aman-jaka; Bel: Tale * 40:2 ndra ty hoe: ty
fiatran-draha'e

Ampimirao lalambey an-dratraratra
añe t'i Andriananañahare.
4 Haonjoñe iaby ze atao goledoñe,
naho haketrake iaby o tambohoo
ho vàñeñe ze manongatonga,
naho hampimiraeñe ze migodeogodeoñe;
5 le haboake ty enge' IEHOVÀ, vaho hiharo handrendrek' aze
ze atao nofotse, zay ty nitsaram-palie' IEHOVÀ.
6 Inao ty fiarañanañañe manao ty hoe: Koiho, le hoe ty natoi'e:
Ino ty ho koiheko?
Ahetse iaby ze atao nofotse,
le hoe voñe an-teteke ao ty hasoa'e.
7 Miheatse o ahetseo,
mihintsañe o voñe'eo,
kanao tiofe' ty kofòn' Añahare, toe ahetse ondatio.
8 Miheatse o ahetseo,
mihintsañe o voñe'eo,
fe mijadoñe nainai'e †
ty tsaran' Añaharen-tikañe.
9 O ry Tsione mpitaroñe entan-tsoao
mañambonea vohitse abo;
ry Ierosalaime mpanese talily soao
poñafo an-koike ty fiarañanaña'o, aonjono, le ko hembañe;
saontsio ty hoe o rova' Iehodào :
Ingo t'i Andriananañahare' areo !
10 Hehe, te hitotsak' an-kaozarañe
t'i TALÈ IEHOVÀ; hifehe am-pità'e;
Ingo, te ama'e i tambe'ey, añatrefa'e o vale-soa'eo.
11 Manahake ty mpiarake
miandrazañe i mpirai-lia'ey naho
manontontoñe o vik'añondri'eo am-pità'e
ie otroñe'e añ'araña'e eo, vaho manehak' ty mampinono mora mb'eo.
12 Ia ty nanovy o ranoo an-dela-pità'e,
naho nanjehe i likerañey an-kiho'e,
naho nañiake ty debo' ty tane toy
am-pañaranañe,
naho nandanja o vohitseo
am-pandanjàñe,
vaho o tambohoo am-balantsy?
13 Ia ty nanoro i Arofo' IEHOVÀ,
he ia ty mpañana'e mañòk' aze?
14 Ia ty niharoa'e safiry,
ia ty nampahafohiñe aze,
ia ty nanoro aze i lalam-bantañey,
naho nampandrendreke aze ty hilala
vaho nañòke aze i oloñolon-kihitsey?
15 Toe tsopake an-tsajoa ao
ze kilakila ondaty,
iaheñe hoe deboke
am-pingam-balantsy,

† 40:8 Pe I 1:24-25

vaho lanjaeñe hoe lemboke o tokonoseo.
16 Tsy ampe horoañe ty Lebanone,
tsy mahaenen-kisoroñañe o bibi'eo.
17 Hoe hakoahañe añatrefa'e
o fifeheañ' iabio, volilien-ko tsy vente'e, ie ambane' ty hatao kapaike.
18 Hirinkiriñe'o ama' ia arè
t'i Andrianañahare?
vintan' inoñe ty hampanahafe'o ama'e?
19 Hera i saren-draha natrana' i mpitseney,
naho nipakora' i mpanefe-volamenay
volamena,
vaho nandranjia' i mpanefe-volafotiy
silisily volafoty?
20 Le eo ty rarake tsy mahalefe enga,
joboñe'e ty hatae tsy ho momoke;
paiae'e ty mpandranjy mahimbañe handranjy saren-draha tsy hitroetroe.
21 Tsy fohi'o hao? Tsy jinanji'o hao? Tsy natalily ama'o am-pifotora'e añe hao?
Tsy nirendre'o hao
o manànta' ty tane toio?
22 Ie ty miambesatse ambone' ty
fibontolia' ty tane toy,
o mpimone'eo ro manahake kijeja;
Ie ty mandamake o likerañeo
hoe lamba fañefetse,
vaho mamelatse iereo
hoe kivohom-pañialoañe.
23 Ie ty mamotsake roandriañe ho hakoahañe, naho ampinjarie'e ho tsy vente'e o mpizaka' ty tane toio.
24 Ie vaho nitongisañe,
aniany te nararake;
le namahatse an-tane ao
o taho'eo;
vaho miheatse t'ie tiofe'e,
endese' o tangololahio añe
hoe ahe-maike.
25 Aa le hampanahafe' areo ama' ia
te Zaho ro hambañe ama'e?
Hoe i Masiñey.
26 Ampiandrandrao mb'añ'abo ey o fihaino'oo, mahaisaha: ia ty namboatse iareo?
I mañakatse ty havasiaña' iareo
ami'ty ia'ey,
hene kanjie'e amy tahina'ey,
naho amy hara'elahin-kaozara'ey
vaho am-panjofahan-kafatrara'e,
leo raike tsy mikipe.
27 Ino ty atao'o ty hoe, O Iakobe,
naho saontsie'o ty hoe: Ry Israele,
Mietake am' IEHOVÀ ty liako,
tsy ahoan' Añahareko o zokoo.
28 Mboe tsy fohi'o hao?
Tsy jinanji'o hao te tsy mitoirañe, tsy mokotse
t'i Andrianañahare nainai'e,

IEHOVÀ Andrianamboatse o olon-taneo?
Tsy taka-tsikaraheñe o hilala'eo.
29 Ampaozare'e o midazidazìtseo;
vaho hafatrare'e o tsy maozatseo.
30 Ndra te toirañe
naho màmake o ajalahio,
vaho mikoletra ty fanalolahy;
31 Ho vaoen-kaozarañe o mahaliñe IEHOVÀO;
hionjoñe amañ'elatse hoe vantio;
hilay fa tsy ho vozake,
hinokitse fa tsy ho toirañe.

# 41

1 Mianjiña, hijanjiña' areo ahy,
ry tokonoseo,
ampaozareñe ondatio;
hañarinea' iareo mb'etoy, hisaontsy;
Antao hototoke mb'eo hitsarañe.
2 Ia ty nampitsekake i boak' atiñanañey
hitroara'e an-kavañonañe?
Ie apo'e aolo'e ey o kilakila ondatio naho ampiambanè'e o mpanjakao?
Idemohe' i fibara'ey ho deboke, ahofahofa i fale'ey hoe t'ie kafo'e.
3 Niheañe'e iereo, nirefe tsy an-joy;
an-dalañe mbe lia tsy niliam-pandia'e.
4 Ia ty nitsakore vaho nahatafetetse?
Ie nikanjy o tariratseo am'baloha'e añe.
Zaho IEHOVÀ, ty valoha'e,
vaho ho fara'e, Ie Raho.
5 Nañeveñe o tokonoseo te nahaoniñe; nihondrahondra o olon-taneo;
nitotoke iereo vaho nimb'atoy.
6 Mifañimba o mpifankarineo,
songa manao aman-drahalahi'e :
Mihaozara.
7 Aa le hafatrare' i mpandranjiy
ty mpitsene volamena,
risihe' i mpamañe añ'ana-batoy
i mipeke renem-batoy;
le i fanodirañey
ata'e ty hoe: Soa zao.
Rekete'e am-pati-by tsy hitroetroe.
8 F'ihe Israele, mpitoroko,
Iakobe jinoboko,
tirin' Avrahame Rañeko;
9 Ie rinambeko añ'olo' ty tane toy añe
naho nitoka azo an-tsietoitane añe,
nanao ty hoe ama'o: Mpitoroko rehe,
jinoboko fa tsy nifarieko;
10 Ko hemban-drehe,
fa indrezako,
ko mijilojilo:
Zaho ro Andrianañahare'o;
le hampaozareko

toe hañimb' azo raho;
Eka, ho tohanako an-tañan-kavanan-kavantàñako.
11 Toe fonga ho salareñe naho aliheñe
ze navaivay ama'o;
harotsake o nañatreatre azoo,
hafotsake tsy ho vente'e.
12 Ho paia'o fa tsy ho isa'o
o nifañotokotok' ama'oo;
ho hakoahañe o nialy ama'oo,
vata'e kòake.
13 Amy te Zaho IEHOVÀ
Andriananañahare'o ty mikalañe
ty fità'o ankavana, hanoako ty hoe:
Ko mirevendreven-drehe,
Zaho ty hañolotse azo.
14 Ko hembañe ry oletse Iakobe,
ry ondati' Israeleo, fa holoreko,
hoe t'IEHOVÀ Mpijebañe azo,
i Masi' Israeley.
15 Ingo rinanjiko ho fandisañan-drehe,
reketse nife masioñe;
ho lisane'o o vohitseo, ho demohe'o,
vaho hanoe'o kafo o tambohoo.
16 Ho tsongae'o,
le hahofa' i tiokey mb'eo,
naho haboele' i tangololahiy;
naho hirebeha'o ty tahina' IEHOVÀ,
handia-taroba amy Masi' Israeley.
17 Mipay rano o rarakeo naho o poi'eo,
fe tsy eo,
kantañe an-karan-drano'e
ty famele' iareo;
zaho IEHOVÀ ty hanoiñe iareo,
Tsy haforintseko;
zaho Andriananañahare' Israele.
18 Hanokafako torahañe
o haboan-diolioo,
naho rano manganahana
añivo' o vavataneo;
hanoako sihanake lifo-drano
ty fatrambey
naho rano mipororoake o tane kankañeo.
19 Hapoko an-dratraratra ao
ty mendorave* naho ty roy,
ty akao naho ty olive;
hadoko an-diolio ao ty sohihy†,
reketse ty harandranto, vaho ty kobaiñe.
20 Soa t'ie hahaisake naho haharendreke
hitsakore naho hitrao-kilala
te nanoem-pità' IEHOVÀ zao,

* 41:19 Toe: "erez, sità, hadase,","atese semene." † 41:19 Toe: "berose, tidhare," vaho "te'esore."

vaho tsinene’ i Masi’ Israeley.
21 Aboaho ty enta’ areo, hoe t’Iehovà;
akaro ty filiera’ areo,
hoe t’i Mpanjaka’ Iakobe.
22 Ee t’ie hakare’areo,
hitsey ama’ay o hifetsakeo;
o raha taoloo, te inoñe?
Atalilio hitsakorea’ay,
hahafohina’ay ty figadoña’e;
he taroño ama’ay o raha ho avio.
23 Itokio o raha mbe hiheo amy añeio,
hahafohina’ay t’ie ndrahare;
ke anò ty soa, he anò ty raty, hisamba’ay, hitraofa’ay fañeveñañe.
24 Toe tsy manjofake nahareo,
koake o sata’ areoo.
Aviviviokе ty mifale ama’areo.
25 Fa nitsekafeko i tavaratse añey,
le fa pok’eo,
boak’ am-panjiriha’ i àndroy añe;
ie hitoka ty añarako vaho
hivotrak’ amo mpifeheo hoe an-dietse,
manahake ty fandialiàm-panao
valàñe-tane i lietsey.
26 Ia ty nitsey boak’ am-baloha’e
haharendreha’ay:
naho haehae añe,
hahavolaña’ay t’ie to?
Toe tsy amam-mpitaroñe,
eka, leo raike tsy mitalily,
toe tsy eo ty mahajanjiñe o lañona’oo.
27 Zaho ty valoha’e nañitrik’ amy Tsione
ty hoe: Heheke, ingo iereo;
vaho hiraheko mb’e Ierosalaime mb’eo
ty hinday talily soa.
28 Mañente raho, fe tsy ama’ ondaty;
naho tsy amam-pamere,
ie ho nañontaneako hahavalea’e.
29 Heheke fonga tsy vokatse, tsy jefa’e
o sata’ iareoo, toe tioke naho hakoahañe avao
o sare fatrana’ iareoo.

# 42

1 Intoy ty mpitoroko tohañako,
ty jinoboko toe mahafale troke,
le nakofòko ama’e ty troko
ie ty hinday ty hatò amo kilakila’ ndatio.
2 Tsy hikoikoike re tsy hampipoña-peo,
le tsy hampijanjiñe’e an-dalañey
ty fiarañanaña’e;
3 tsy ho potora’e ty vinda pineke
vaho tsy hakipe’e ty lamese miliriliry;

hampiboaha'e ty hatò ami'ty figahiña'e.
4 Tsy ho toiran-dre, tsy ho demoke,
ampara' te najado'e an-tane atoy ty hatò;
naho hitamà i Hake o olon-taneo.
5 Hoe t'IEHOVÀ Andriananañahare
Mpamboatse o likerañeo
naho nandafike iareo,
I namelatse ty tane toy naho
ze miboak' ama'ey,
ie mampikofòke ondaty ama'eo
vaho manolotse arofo
amo midraidraitse aoo.
6 Zaho IEHOVÀ, ty nitok'azo
an-kavañonañe,
nitintineko ty taña'o
naho nampitsoloheko,
vaho natoloko ho fañina
am'ondatio,
ho hazavàñe amo kilakila' ndatio,
7 hanokake ty fihaino fey
hañakatse o mpirohy am-balabeio
naho o mitozòke alafem-porozò añ'ieñeo.
8 Zaho IEHOVÀ, zay ty añarako;
tsy hatoloko ami'ty ila'e o volonahekoo,
ndra amo hazomangao ty engeko.
9 Heheke fa nihelañe o raha haehaeo,
o raha vaoo o tseizeko henaneo;
Ie mbe tsy mipoteake
ty ho taroñeko ama' areo.
10 Misaboa sabo vao am' IEHOVÀ,
ibangò ry añ'olo-tane añeo;
ie mizotso mb'an-driakey,
naho ze he'e ama'e ao, o tokonoseo,
vaho o mpimoneñe ama'eo.
11 Hampionjonem-peo ty fatram-bey
naho o rova ama'eo,
o tanàñe añialoa' i Kedareo*,
naho hañonjo Hake t'i Selà,
vaho hipaza-kafaleañe boak' ankaboa' o vohitseo.
12 Ho rengè' iereo t'IEHOVÀ,
vaho hitsey ty enge'e amo tokonoseo.
13 Hionjom-b'eo hoe fanalolahy t'IEHOVÀ,
ho troboe'e am-pamarahiañe
hoe lahin-defoñe;
hikaikaike naho hisehaseha†,
hisenge amo rafelahi'eo ty haozara'e.
14 Loho ela ty nitsiñako,
nihendre vaho nifoneñe;
f'ie henane zao, hikoiake
hoe ampela mitsongo;
hisañasaña naho hisehaseha.

---

* **42:11** Kedare; mainte; hontoke † **42:13** Satan-drakemba mitsongo

15 Ho koaheko o vohitseo
naho o haboañeo,
vaho ho forejejeko o ahe’eo;
hanoeko tokonose o oñe’eo,
naho ho riteko o antara’eo.
16 Hendeseko mb’an-dalañe
tsy nifohi’ iareo o goao;
hiaoloako añ’oloñoloñe tsy nahazatse iareo;
hanoeko hazavàñe aolo’ iereo eo ty ieñe,
hampiraeko ze tomoantoañe.
hanoeko iaby vaho tsy hapoko
ampara’ t’ie fonitse.
17 Hampiambohoeñe an-kasalarañe,
o miato an-tsamposampo sinokitseo,
ze manao amo sare nitranaheñeo,
‘ndrahare’ay nahareo’.
18 Mijanjiña ry kareñeñeo,
mahaisaha ry fey, hahavazohoa’ areo.
19 Ia ty goa naho tsy i mpitorokoy?
ndra kareñe manahake
i irako nafantokoy?
Ia ty fey mandikoatse i nampanintsiñekoy,
naho goa te amy mpitoro’ IEHOVÀy?
20 Mahaisake raha maro nahareo
fe tsy mahaoniñe,
misokake o raven-tsofio
fe tsy mahatsendreñe.
21 Niehake t’IEHOVÀ,
ty amy havañona’ey,
honjoñe’e naho ho renge’e i Tsara’ey.
22 Fe ondaty nikamereñe
naho nivoloseñe retoa,
songa tsinepake an-koboñe ao,
naetake am-balabey ao;
natao ho fitsatsàñe tsy amam-pandrombake, fikopahañe,
le tsy eo ty manao: Ampolio.
23 Ia ama’ areo ty hanolo-ravembia
amy zay?
Ia ty hitsendreñe naho hijanjiñe
amy ze añe zay?
24 Ia ty nanolotse Iakobe ho kopaheñe,
naho Israele ho amo mpamaokeo?
tsy IEHOVÀ hao? I nanoantika hakeoy,
tsy nete nañavelo amo lala’eo iereo,
tsy norihe’ iareo o Tsara’eo.
25 Aa le nadoa’e ama’e
ty haforoforon-kaviñera’e,
naho ty hafatraran-kotakotake;
naho namiaña’e afo nañarikatok’aze
fe tsy hinao’e, vaho nampiforehete’e,
tsy rinambe’ ty arofo’e.

# 43

1 Aa le hoe t'IEHOVÀ
namboatse azo, ry Iakobe,
i nitsene azoy, ry Israele;
ko hembañe fa nijebañe azo raho,
fa nikoihako ami'ty tahina'o,
Ahiko rehe.
2 Ie mitsake o ranoo rehe,
hindrezako,
ie miranga saka,
tsy handipora'e;
ie misorok' afo am-pandia
tsy ho mae,
le tsy hiviañe ama'o ty firebareba'e.
3 Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'o,
t'i Masi' Israele, i Mpijebañe azoy;
natoloko ho vilin'ai'o ty Mitsraime,
i Kose naho i Sebà* ho azo.
4 Aa kanao sarotse am-pañenteako,
naho mañeva asiñe, vaho kokoako;
le lahilahy maro ty ho tolorako ho azo,
vaho rofoko ho solom-piai'o.
5 Ko hembañe, fa indrezako;
hendeseko boak'atiñanañe añe ty tiri'o,
vaho hatontoko boak' ahandrefañe añe.
6 Hanao ty hoe raho amy avaratsey:
Hahao, naho ami'ty atimo: Ko tana'o,
endeso boak'e tsietoitane añe
o ana-dahikoo,
naho boak' añ'olo' ty tane toy
o anak'ampelakoo—
7 ze hene kanjieñe ami'ty añarako,
o tsineneko ho ami'ty engekoo,
o naoreko vaho namboarekoo.
8 Akaro boak' ao ondaty goa
am-pihainoo,
o giñe an-dravembiao.
9 Hene mifanontone o kilakila' ndatio,
songa mivory ondatio;
ia am' iereo ty mahafitsey zay,
hitaroñe aman-tika o raha haehaeo?
Ampiboaho o valolombelo' iareoo
hahazoa' iareo to; hijanjiñañe,
hanoañe ty hoe: To zay.
10 Inahareo ro valolombeloko,
hoe t'IEHOVÀ,
naho ty mpitoroko jinoboko;
hahafohina' areo naho hatokisa' areo ahy,
haharendreke te Ie raho;
tsy eo ty 'ndrahare niforoñeñe taoloko,
vaho tsy eo ty hanonjohy ahy.

---

* **43:3** Seba: mpijike; mpifotetse, fandrohizañe;

11 Zaho le Zaho avao t'IEHOVÀ;
le naho tsy Zaho,
tsy eo ty mpandrombake.
12 Fa nitaroñe raho, naho nandrombake,
naho nañoke, te tsy aman' Andrianañahare ila'e nahareo;
aa le inahareo ro valolombeloko,
hoe t'IEHOVÀ,
Zaho ro Andrianañahare.
13 Eka, boak' amy àndro zay,
le fa ie raho,
vaho tsy eo ty hahatavañe ty an-tañako;
hitoloñe raho, le ia ty mahasebañe.
14 Hoe t'IEHOVÀ mpijebañe anahareo,
ty Masi' Israele:
inahareo ro nañitrifako e Bavele añe,
le fonga nafotsako ho gike iareo
naho o nte-Kasdy mitreñe o laka'eo.
15 Zaho IEHOVÀ, Masi' areo,
i mpamboats' Israeley, ty Mpanjaka' areo.
16 Aa hoe t'IEHOVÀ
mpamboatse lalañe mitsake i riakey,
naho oloñoloñe mitoañe
o rano mitroñeo;
17 I mpañakatse i sarete reke-tsoavalaiy,
o lahindefoñe naho haozara'eo—
miharo fandreañe ao iereo,
tsy hitroatse ka,
fa mongotse, nakipeke hoe lamese.
18 Ko mitsakore o raha taoloo,
ko mañereñere o raha haehaeo.
19 Heheke te manao raha vao raho,
hitiry ami'ty manao zao;
aa tsy ho rendre' areo hao?
hanatahako lalañe ka
ty am-patrañe añe,
naho saka an-dratraratra ao.
20 Hiasy ahy o biby an-kivokeo,
o fanalokeo naho o voron-tsatrañeo,
ty amo rano nanoeko am-patrañeo,
naho o saka an-dratraratrao,
hanjotsoako rano ondaty jinobokoo;
21 Ho talilie' ondaty namboareko ho ahikoo, ty engeko.
22 Fe tsy nikanjy ahy nahareo, ry Iakobe,
namokoreko nahareo ry Israele.
23 Tsy nisoroña'o ty añondri'o;
tsy niasia'o amo engaeñeo;
tsy nampijinieko engan-kaneñe,
tsy nivozaheko ami'ty tsotse.
24 Tsy nibanabana'o fare naho drala,
tsy nahaeneñ' Ahy ty safom-pisoroña'o;
te mone nampavesare'o amako o tahi'oo,
vaho namokore'o amo hakeo'oo.
25 Zaho le Zaho avao ty namaoke

o fiolà’o amakoo.
vaho tsy ho tiahiko ka o hakeo’oo.
26 Ajoño am-pitiahia’o ao raho,
antao hifaneseke; mitalilia hahazoa’o to.
27 Nandilatse i rae’o valoha’ey,
vaho manan-kakeo amako
ondati-aivo’oo;
28 Aa le vinetako o ana-dona’
i toetse miavakeio,
nengaeko am-patse t’Iakobe,
vaho an-teratera t’Israele.

# 44

1 Aa le janjiño heike
ry Iakobe mpitoroko,
ry Israele jinoboko.
2 Hoe t’Iehovà namboatse azo,
i namoroñe azo an-koviñ’ aoy,
Ie ty hañimb’azo:
ko hemban-drehe ry Iakobe mpitoroko,
naho ry Iesorone* jinoboko.
3 Fa hañiliñako rano i kirikintàñey,
naho rano mitsiritsioke
an-tane maike eo;
hadoako amo tiri’oo ty Troko,
naho amo tarira’oo ty fañanintsiko.
4 Le hitiry añate ahetse ao iereo
manahake ty sohihy añolon-tsaka ey.
5 Hanao ty hoe ty raike:
A Iehovà raho,
le hitoka ty añara’e
ho Iakobe ty raike;
ty ila’e hanokitse am-pità’e eo t’ie
a Iehovà, vaho
hatao’e Israele ty añaram-binta’e.
6 Hoe t’Iehovà, Mpanjaka’ Israele
naho ty Mpijeba’e, t’Iehovà’ i Màroy;
Zaho ro valoha’e,
Zaho ro figadoña’e,
le tsy eo t’i Andriananañahare
naho tsy Zaho avao.
7 Ia ty manahak’ ahy—angao ho koihe’e naho ho taroñe’e, hamolily amako—
boak’ amy nampijadoñako o matoetoeo!
He adono re hitoky o viloñe ho avio,
o raha mbe tsy nifetsakeo.
8 Ko hemban-drehe, ko mahimahiñe,
tsy fa nitaroñeko haehae hao?
Mbore nikoihako?
Inahareo ro valolombeloko:
Ia t’i Andriananañahare añ’ilako?
Ia ka ty Lamilamy? ie alik’ amako.

---

* **44:2** Iesorone: mpandrombake, mpamotsotse: añara’ Israele, Its 32:15, 33:5 33:26

9 Songa tsy manjofake o mpamoroñe sare’ndrahareo,
vaho tsy vara o mahasinda iareoo;
tsy maharendreke o mpitalili’ iareoo,
tsy mahafohiñe, hisalara’e.
10 Ia ty namoroñe ty ‘ndrahare,
ndra nampitranake saren-draha
tsy jefa’e?
11 Toe ho meñatse iaby o mpirimboñe ama’eo, mentsake ondaty
nandranjy iareoo;
angao hifanontone iereo,
songa hijohañe ey hirevendreveñe,
sindre hitrao-kasalarañe.
12 Manefe fekoñe ty mpanefe,
tolone’e am-baen’ afo,
foroñe’e ami’ty ana-bato,
anoe’e an-tsirañe maozatse;
miha-kerè re, milesa i haozara’ey;
tsy minon-drano, midazidazìtse.
13 Mamavatse taly ty mpandranjy;
sokire’e am-penisily;
lamae’e am-pandama,
patere’e an-kompà,
vaho tsene’e ho sarem-binta’ondaty
an-katsomerentseren-dra-olombelo,
hitoboha’e añ’anjomba ao.
14 Firae’e ho aze ty mendoraveñe,
rambese’e ty varo naho ty kobaiñe;
beize’e ka ty hatae raike añ’ala ao,
ambolè’e ty kintsy,
vaho mamahañe aze i orañey.
15 Minjare raha mete oroa’ ondaty,
aa le angala’e hamindroa’e;
eka viañe’e naho anokona’e mahakama;
mbore andranjia’e ndrahare,
naho mitalaho ama’e,
anokira’e hazomanga
vaho midrakadrakak’ ama’e.
16 Olora’e añ’afo ao ty ila’e;
ikama’e i henay
ie mitono ty ila’ i henay, le anjañe,
eka, amindroa’e le manao ty hoe:
Hiry! Mafana raho fa nitendrek’afo.
17 Ty sisa’e amboare’e ‘ndrahare,
toe sare’e; mibaboke re italahoa’e,
naho ihalalia’e, manao ty hoe:
Hahao raho, fa ‘ndrahareko rehe?
18 Tsy apota’e, tsy mahilala;
fa nakipe’e ty maso’iareo, tsy hahaisake,
naho ty tro’e tsy haharendreke.
19 Tsy eo ty mitsakore an-troke
te tsy ama’e ty hihitse ndra hilala

hanoa'e ty hoe:
Toe finorotototoko añ'afo ao ty ila'e;
eka fa nanokonako ahandro o vae'eo;
fa nahandroako hena naho nihinañe;
aa vaho handranjiako raha tiva ty sisa'e?
Hibabohako hao ty foto-katae?
20 Lavenoke ty itamboavokaha'e,
nampivike aze ty tro'e finitake,
tsy haharombaha'e aiñe,
hanao ty hoe: Tsy vande hao
ty an-tañan-kavanako toa?
21 Tiahio o raha zao ry Iakobe,
naho ry Israele, amy te mpitoroko;
Zaho ty nitsene azo, fetrek'oroko rehe;
ry Israele, ehe ko andikofa'o.
22 Fa finaoko hoe rahoñe milodolodo o fiolà'oo,
naho hoe mika-mikopoke o tahi'oo,
mibaliha amako fa nijebañeko.
23 Misaboa ry likerañeo,
fa nifonira' IEHOVÀ;
mamantsiña, ry goledoñe lalekeo;
mipoñafa sabo ry vohitseo,
ry ala naho ze hatae ama'e ao;
amy te jineba' IEHOVÀ t'Iakobe,
vaho rengè'e t'Israele.
24 Hoe t'IEHOVÀ Mpijeba'o,
i nitsene azo an-koviñe aoy.
Zaho IEHOVÀ
Andrianamboatse ze he'e;
I mandafike o likerañeoy, Zaho raike;
I mamelatse ty tane toiy, Zaho avao.
25 I mampijiañe ty sahà' i remborakey,
naho mahaboseke o mpisikilio;
naho mampidisa-voly o mahihitseo,
vaho mampigege o hilala'eoy;
26 I mañatò ty saontsi' i mpitoro'ey
naho mañeneke ze atoro' o ira'eoy;
ie mitalily am'Ierosalaime ty hoe:
Ho fimoneñañe;
naho amo rova' Iehodào : Hamboareñe, vaho hatroako o mangoakoake ama'eo.
27 Ie manao amy lalekey ty hoe:
Maiha, vaho ho maiheko ka o saka'oo;
28 Ie anoe'e ty hoe i Korese†: Mpiarak'añondriko re,
hanoe'e iaby ze mahafale ty troko;
hanoe'e ty hoe t'Ierosalaime:
Ho rafeteñe!
naho i anjomban' Añaharey :
Haoreñe o mananta'oo.

---

† **44:28** Korese: hoe osa; hoe mpandova

# 45

1 Hoe t'IEHOVÀ amy Korese noriza'ey, ie nihafatrareko ty fità'e havana,
hampibabohañe aolo'e eo
o kilakila ondatio,
vaho hampibalaha'e
ty am-bania' o mpanjakao;
hanokafa'e o lalam-bey añatrefa'eoo,
tsy harindriñe ka o sikadañeo:
2 Hiaolo azo raho, naho
hampimiraeko o migoledogoledoñeo;
ho tseratseraheko o lalam-bey torisìkeo;
vaho ho pozapozaheko o sikadam-bìo;
3 Hatoloko azo o hanañan-kaieñeo,
naho ty vara mikafitse an-toetse
mietake ao, soa te ho fohi'o
te Zaho IEHOVÀ;
i mikanjy azo ami'ty tahina'oy;
t'i Andrianañahare' Israele.
4 Iakobe mpitorokoy,
naho Israele jinobokoy,
ty nikanjiako azo an-tahinañe,
Zaho ty nanolotse azo añarañe
ndra te tsy apota'o.
5 Zaho IEHOVÀ vaho tsy aman-tovo,
tsy eo t'i Andrianañahare
naho tsy Zaho avao;
Zaho ty nampidiañe azo ndra te nofi'o.
6 Soa te ho fohi'
o am-panjiriha' i àndroy
pak' am-pitsofora'eo
te tsy eo ty hatovoñ'ahy;
Zaho IEHOVÀ, vaho tsy aman-tovo.
7 Zaho ty mamoroñe o hazavàñeo,
naho mamboatse o ieñeo;
amboareko ty fierañerañañe,
vaho foroñeko ty hankàñe;
Zaho IEHOVÀ o manao ze he'e zao.
8 Mikojojoaha ry likerañeo,
boak'ambone ey,
ampidoaño havañonañe ry rahoñeo;
misokafa ry tane,
hampamokarañe fandrombahañe,
ampitraofo fitiry ama'e ty havantañañe;
Zaho IEHOVÀ, ty namoroñe aze.
9 Hankàñe amy mifandietse
amy Mpamboatse azey,
manahake ty valàñe-tane amo valàñe-tane an-taneo!
hanao ty hoe hao ty lietse
amy mpamoroñe azey,
Inom-bao o amboare'oo?
ndra: ino' o tsenè'oo t'ie
tsy aman-tanañe?

10 Hekoheko amy manao ty hoe
aman-drae'ey: Ino o nasama'oo?
ndra amy rakembay,
Ino ty nitsongoe'o?
11 Hoe t'IEHOVÀ, t'i Masi' Israele,
Namboatse azey:
Añontanea'o ahy hao o raha ho avio;
halohi'o hao raho amo ana-dahikoo,
naho amo fitoloñakoo?
12 Zaho, ty namboatse ty tane toy;
naho nitsene ondaty ama'e;
Zaho, le o tañakoo, ty nandafike
o likerañeo vaho liniliko
o havasiaña' iareoo.
13 Fa nitsekafeko an-kavañonan-dre,
naho ho hene vantañeko o fombà'eo;
Ie ty hamboatse i rovakoy,
vaho havotso'e hidada,
tsy amam-bili'e tsy aman-tambe,
o naseseo,
Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
14 Hoe t'IEHOVÀ:
Homb'ama'o mb'eo,
ty fitoloña' i Mitsraime,
naho ty kilanka' i Kose
naho o nte-Sevàý mijoalao, ie ho azo:
hañorik' azo iereo, hitsake mb'eo an-tsilisily,
naho hilokolokoa' iareo hihalaly ama'o ami'ty hoe: Toe ama'areo t'i Andrianañahare,
naho tsy eo ty hatovoñ' Aze;
tsy aman' Añahare ila'e.
15 Toe Andrianañahare mietake Rehe
ry Andrianañahare' Israele
Mpandrombakeo.
16 Ho salatse iereo, eka,
fonga ho an-tamberen-tane;
hitrao-dia am-pivotemboteñañe
o mpitsene hazomangao.
17 Ry Israele, ie rinomba' IEHOVÀ
am-pandrombahañe tsy modo le
tsy ho salatse ndra daba nainai'e donia.
18 Fa hoe t'IEHOVÀ Mpamboatse
o likerañeo: (i Andrianañahare
namoroñe ty tane toy, ie toe nitsene vaho nampijadoñ' azey.) Tsy namboare'e ho koake.
fa namboatse iareo himoneñañe;
Zaho IEHOVÀ vaho tsy aman-tovo.
19 Tsy nivolañe añetake raho,
an-toetse maieñe ao;
tsy nanoeko ty hoe ty tiri' Iakobe:
Ipaiao hoe voa-nè,
Fe mpitaron-kavañonan-draho, IEHOVÀ,
Mpikoike entam-bantañe.
20 Mifanontona mb'etoañe;

mañarinea t'ie nahabotitsike
amo kilakila ondatioo!
Tsy aman-kilala ze misalika voñe
naho mihalaly aman-drahare
tsy maharombake.
21 Taroño, aboaho ty enta' areo; angao t'ie hisafiry!
Ia ty nahafitoky zao haehae zay? Ia ty nitsey aze taolo bey añe?
Tsy Zaho, IEHOVÀ hao? Tsy aman' Añahare naho tsy Zaho, t'i Andriananañahare vantañe
naho Mpandrombake—
tsy eo naho tsy Zaho avao.
22 Mitoliha amako ry hene olon-taneo,
soa te ho rombaheñe,
amy te Zaho ro Andriananañahare,
le tsy aman-tovo.
23 Nifanta am-batako,
niboak'am-bavako ao an-kavantaña'e ty tsara
vaho tsy hibalike ka, soa te amako
ty hitongalefa' ze kila ongotse, ty hifantà' ze hene fameleke.
24 Ho taroñeñe ahy ty hoe: Am' IEHOVÀ ao avao ty fandrebahañe
naho ty haozarañe.
Homb'ama'e mb'eo ondatio,
fonga hinañanaña o malaiñe Azeo.
25 Am' IEHOVÀ ao, kila hahazo to
ty tiri' Israele,
vaho hirañaraña an-kobay!

# 46

1 Mibotreke ty Bele*,
Midrokoke ty Nebò; vavè' o bibio,
o añombe mijiny kilankañeo, ty sare'e; nampilogologoeñe o raha endese' areoo o biby mokotseo.
2 Mibokoboko iereo, mitrao-piondreke,
tsy nitafete' iareo i kilankañey; vaho
songa nasese mb'am-pandrohizañe añe.
3 Mijanjiña ahy ry anjomba' Iakobeo,
naho ry sehangan' anjomba' Israeleo,
o nivesareko boak'am-pisamaha'eo,
o notroñeñe boak' an-koviñe ao
4 pak' an-ka'anterañeo, Zaho ro Ie,
ho babèko pak' a maròy foty rehe;
Zaho ty namboatse, zaho ty hinday;
eka hotroñeko mbore hampipalireko.
5 Ia ty hampañirinkiriña' areo amako,
naho hampihambaña'areo,
vaho hampanahafa' areo,
soa te hifañoronkoroñe?
6 Mandrarake volamena
boak' an-kotrañe ao ty ila'e,
naho mandanja volafoty am-balantsy;

---

* **46:1** Bele: ty Tale' i Bavele; mpandrotsake

vaho mañarama mpanefe volamena
hañamboare'e ndrahare,
hibokobokoa'e naho hitalahoa'e.
7 Jinie' iereo an-tsoroke, endeseñe,
apo' iereo amy toe'ey,
ie mijagarodoñe eo, tsy hienga i toe'ey;
eka, ndra t'ie kaikaiheñe
tsy mete manoiñe,
tsy haharombak' aze
amy hasosora'ey.
8 Tiahio le mijadoña;
ampolio an-troke ao, ry mpanan-kakeo.
9 Tiahio o raha taoloo, eka haehae;
te Zaho ro Andrianañahare
naho tsy aman-tovo;
Zaho ro Andrianañahare
vaho tsy eo ty hambañe amako,
10 Mitaroñe ty figadoña'e hirik'am-baloha'e,
boake haehae añe o mbe tsy nanoeñeo,
ami'ty hoe: Hijadoñe ty ereñereko,
vaho hene hanoeko
ze mahafale ty troko;
11 Ho tokaveko boak' atiñanañe añe
ty voroñe mipay hena;
t'indaty nisafirieko boak'
an-tsietoitane añe;
eka fa nivolan-dRaho le ho henefeko,
niereñeren-dRaho vaho hanoeko.
12 Haoño raho, ry gan-katokeo,
ry lavitse havañonañeo.
13 Hendeseko marine eo
ty havantañako, tsy ho lavitse,
tsy halaoñe i fandrombahakoy;
vaho hatoloko amy Tsione
ty fandrombahañe, ho a' Israele engeko.

# 47

1 Mizotsoa, mitoboha an-debok' ao,
ry anak'ampela' i Bavele;
mitozoha an-tane eo
tsy amam-piambesatse,
ry anak'ampela' i Kasdý;
fa tsy hatao mitrotrotrotro
ndra sakoly ka rehe.
2 Rambeso i vato fandisanañey
naho lisano i tsakoy;
afaho o lamba marerarera'oo,
voloso o mireparepao,
aonjono ty an-kitso'o eo,
itsaho o sakao.
3 Haboake ty fibongia'o;
ho trea ty fimeñara'o;
hamale fate raho

vaho tsy eo ty hanebañe ahy.
4 I Mpijeba'ay, IEHOVÀ' i Màroy
ty tahina'e, i Masi' Israeley.
5 Mitoboha am-pitsiñañe ao,
akia mb'an-kamoromoroñañe ao,
ry anak'ampela' o Kasdio,
tsy hatao mpanjakam-pifeheañe ka rehe.
6 Niboseke am'ondatikoo raho,
vinetako i lovakoy,
vaho natoloko am-pità'o,
fa tsy niferenaiña'o, nanoe'o mavesatse amo antetseo ty joka'o.
7 Ie nanoe'o ty hoe,
Ho mpanjaka-ampela nainai'e raho,
le tsy nahaja'o an-troke ao o raha zao,
vaho tsy nitiahi'o ty figadoña'e.
8 Aa le tsanoño izao,
ty mpañori-kadrao,
ty mpiaiñ'añoleñañe,
ty manao an-tro'e ao ty hoe:
Tsy hitoboke ho remavoin-draho,
hamoeako ty fahamotsoan' anake.
9 Fa hivotrak'ama'o ami'ty andro raike
o raha roe zao:
ty hamotsoan'anake,
naho ty ha-remavoiñe;
am-pañaranañe pea t'ie hifetsake
ndra te tsifotofoto' o famoreha'oo,
naho maozatse ty fisikilia'o.
10 Natao'o mahasoa-aro ty halò-tsere'o, ihe nanao ty hoe:
Tsy eo ty mahatrea ahy.
Songa nampikeloke azo ty hihi'o
naho ty hilala'o;
ie nanao ty hoe an-troke ao: Zaho ro ie,
vaho tsy ie naho tsy zaho avao.
11 Aa le hifetsake ama'o ty raty;
tsy ho lefe'o troboeñe hisitaha'e;
hidoiñe ama'o ty hankàñe;
tsy ho lefe añeferañe;
hivovò ama'o ty fiànto, aolo' te apota'o.
12 Mijadòña arè amo fisikilia'oo,
naho amo fitozantozam-pamoreha'oo,
o nitoloñe'o ampara' ty nahakede azoo;
ke ho tambeza'e, he hahafitroboe'o.
13 Ie nimokore' o fikililia'oo;
angao hiongake henaneo arè
o mpañandroo, naho
o mpañorike vasiañeo, naho
o mpahay volañeo,
handrombak' azo amo hifetsak' ama'oo.
14 Heheke, fa manahake ty ahetse iereo,
ho forototoen' afo;

ie tsy haharombake ami'ty
haozara' i firebareba'ey;
tsy ama'e ty vaen' afo hitaraña'e,
toe tsy ho afo hamindroañe.
15 Hoe zay iereo ama'o, o nifanehafa'oo;
songa hirererere mb'an-toe'e mb'eo
o nitrao-balibalike ama'o
boak' ami'ty naha-ajaja azoo,
tsy ho amam-pandrombake rehe.

# 48

1 oJanjiño zao, ry anjomba' Iakobe,
ie tokaveñe ami'ty tahina' Israele,
ry niboak' ami'ty figoangoa' Iehodà;
o mifanta ami'ty tahina' IEHOVÀ
naho mitalily i Andrianañahare' Israeleo, fe tsy an-katò,
tsy an-kavantañañe.
2 Ie manao ho mpiamy rova miavakey, naho mpiato aman' Añahare' Israele,
IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e.
3 Fa nitaroñeko haehae o raha taoloo;
eka fa nionjoñe boak'am-bavako ao,
nitaroñeko le tsipaepae'e te nifetsake;
4 Amy te napotako
t'ie mitangingìñe,
naho viñe ty tali-bozìn-kàto'o,
Vaho torisìke ty lahara'o;
5 Aa le nivolañako boake taolo añe,
ie mbe tsy nitondroke le nitaroñako,
tsy mone hatao'o ty hoe;
Nihenefa' i hazomangakoy,
naho i sare pinateko an-kataey,
vaho, i raha natranakoy
ty nandily zay.
6 F'ie nahajanjiñe,
heheke iaby o raha zao:
aa vaho tsy ho taroñe' areo?
F'ie nitaroñeko raha vao henaneo,
raha mietake mbe tsy nifohi'o.
7 Nifonireñe henaneo, fa tsy haehae,
tsy nijanjiña'o taolo' ty andro toy,
tsy mone hatao'o ty hoe t'ie nifanta'o.
8 Eka, tsy jinanji'o tsy napota'o;
toe tsy nisokake o ravembia'oo
haehae zay;
fe napotako t'ie hikabo-draha,
ihe natao mpiola boak' an-koviñe ao.
9 Aa le ty añarako ty hampihankàñe
o fifombokoo,
i fandrengeañe ahiy ty ifoneñako,
tsy mone haitoako rehe.
10 Ie hinasohasoko, fa tsy hoe volafoty;

nitsoheko an-toñan-kaloviloviañe ao*.
11 Zaho, eka zaho, ty hanao zay;
fa akore te ho tivaeñe ty añarako?
toe tsy hatoloko ami'ty ila'e o engekoo.
12 Haoño raho ry Iakobe,
ry Israele kinanjiko;
Zaho ro Ie, Zaho ty fifotora'e,
naho Zaho ty figadoña'e.
13 Eka, nandaharen-tañako
ty faha' ty tane toy,
nilamahen-tañako havana o likerañeo;
ie tokavako, mitrao-piongake.
14 Mitontoña, ie iaby, vaho mijanjiña:
ia am' iereo ty nitsey o raha zao?
Hanao ty satrin-arofo'e e Bavele añe
t'i kokoa' IEHOVÀ,
ie hisenge ty sira'e amo nte-Kasdio.
15 Zaho le Zaho avao ty nivolañe,
eka Zaho ty nitoka aze,
Zaho ty nanese aze,
Ie ty hampiraorao o lala'eo.
16 Mitotoha amako le janjiño:
Boak' am-baloha'e raho
tsy nivolañe añ'etake;
ie vaho namoroñe le tao raho;
ie amy zao fa nañirak' ahy
naho i Arofo'ey t'IEHOVÀ TALÈ
17 Hoe t'IEHOVÀ, Mpijebañe azo,
t'i Masi' Israele;
Zaho IEHOVÀ, Andrianañahare'o,
I mpañòke azo ho ami'ty hasoa'oy,
I mpiaolo azo an-dalan-kombà'oy.
18 Naho ho nihaoñe' areo o lilikoo!
le ho nanahake o oñeo ty fierañerañа'o,
vaho hoe onjan-driake ty havantaña'o.
19 Le ho nira amo faseñeo o tiri'oo,
o tariram-pañova'oo
ami'ty hamaro' ty haminjilita'e;
naho tsy napitsoke
ndra naitoañe aoloko ka ty tahina'e.
20 Iakaro i Bavele,
Ivoratsaho o nte-Kasdio;
am-peo-pisaboañe, tseizo, pazapazaho, koiho pak' añ'olo' ty tane toy;
Ano ty hoe:
Fa jineba' IEHOVÀ ty mpitoro'e Iakobe.
21 Ie tsy nitaliñiereñe te niaoloa'e hitsake o fatram-beio;
Nampipororoaha'e rano i vatoy;
tsinera'e i lamilamiy vaho
nidoandoañe i ranoy.
22 Po-panintsiñañe, hoe t'IEHOVÀ,

---
* 48:10 Its 8:2-16

o tsivokatseo.

# 49

1 Ry tokonoseo, mijanjiña ahiko;
mitsendreña ry ondaty tsietoitàneo;
fa nikanjy ahy sikal' an-tron-dreneko ao
t'IEHOVÀ; boak'an-kovin-dreneko ao
ty nitoñona'e ty añarako.
2 Fa nanoe'e arara masioñe ty vavako; an-talinjom-pità'e ao ty nañetaha'e; nanoe'e
ana-pàle vinàñe; an-trañom-pale ao ty nampikafira'e;
3 Le hoe re tamako:
Mpitoroko rehe, Israele;
Ihe ty fandrengeañe ahy.
4 Fe hoe raho : Nifanehake ami'ty tsy
havokaran-draho; nahamodo ty haozarako
tsy jefa'e naho tsy vente'e; toe IEHOVÀ ty hahazoako to, naho aman'Añahareko ao
ty tambem-pitoloñako.
5 Aa hoe t'IEHOVÀ henanekeo— ie nitsene ahy an-koviñ' ao ho mpitoro'e, hampipoli-
ako t'Iakobe,
ndra te tsy natontoñe t'Israele, fe aman-kasy am-pihaino'IEHOVÀ raho vaho haozarako
t'i Andriananañahareko.
6 hoe re: Raha loho-kede ho azo
te ho mpitoroko hampionjoñe o fifokoa' Iakobeo, hampipoly o tarira' Israeleo;
te mone hatoloko azo
ty ho failo' o kilakila ondatio, hahatsitsifañe ty fandrombahako
pak' añ' olo' ty tane toy añe.
7 Hoe t'IEHOVÀ— t'i Mpijeba' Israele, i Masi'ey—
amy nisirikaeñey, amy falai' o kilakila ondatioy, amy mpitorom-pifehey;
ho isa' o mpanjakao le hiongake, vaho hibàboke o ana-donakeo,
am' IEHOVÀ migahiñey, i Masi' Israele nijoboñe azoy;
8 Hoe ty nafè' IEHOVÀ :
Añ'andro mete ty nitsanoñako azo,
añ'androm-pandrombahañe
te nitolorako; harovako rehe,
vaho hatoloko ho fañina am'ondatio,
hañavao i taney,
hampandova'o o lova mangoakoakeo;
9 mitsey amo mpirohio ty hoe : Miakara.
vaho amo añ'ieñeo, ty hoe : Miboaha.
Hihinañe añ'olon-dalañe eo iereo,
ho fiandraza' iareo o haboañe iabio.
10 Ie tsy ho kerè ndra maran-drano,
tsy ho pisañen-katrevohañe
ndra tariñandroke;
fa hiaolo iareo ty Mpitretrè,
ho tehafe'e mb'an-drano
manganahana mb'eo.
11 Le hanoeko lalañe o vohiko iabio,
vaho haonjoñe ambone o lalan-damokeo.
12 Toe ho boake tsietoitane añe retoañe;
ho boak' avaratse añe retiañe
naho ahandrefañe añe reroañe,

vaho hiboak’e Sinime* añe reroy.
13 Misaboa ry andikerañe ao !
mandià taroba ry tane !
mipoñafa beko ry haboañeo !
fa ohoñe’ IEHOVÀ ondati’eo,
tretreze’e o mpisotri’eo.
14 Fe hoe t’i Tsione:
Nifarie’ IEHOVÀ raho,
vaho nandikofa’ i TALÈ.
15 Ho haliño’ ty rakemba hao
ty ana’e minono;
tsy ho ferenaiña’e hao
ty ana-dahi’e boak’ an-kovi’e ao?
Eka ndra t’ie mañaliño,
Zaho tsy hañaliño azo.
16 Hehe t’ie sinokiko an-dela-tañako;
Añatrefako eo nainai’e o kijoli’oo.
17 Malisa o ana’oo; fa mienga
o mpandrotsake naho mpamaoke azoo.
18 Andrandrao fihaino,
le mañisaha mb’eo mb’eo: ie mifanontone iaby te mb’ama’o mb’etoañe.
Amy te zaho veloñe, hoe t’IEHOVÀ,
hene ho hamiñe’o hoe bange,
vaho ho ravaha’o hoe an’enga-vao.
19 Fa rinotsake naho malio
vaho mangoakoake
o tane’oo,
fe maifitse rehe henane zay
ty amo mpimoneñeo,
vaho ho lavitse azo o nampigedrañe azoo.
20 Mbe hibisike an-dravembia’o ao
o anam-pandalà’oo, ty hoe:
Maifitse amako ty toe’o toy;
añalalahao toetse himoneñako.
21 Hitsakore ty hoe rehe an-trok’ao:
Sinama’ ia o retoañeo, Zaho nimotso anake naho nibangiñe,
nasese vaho mpirererere avao?
Ia ty nañabey o retoañe?
izaho naforintseñe:
boak’aia o retoañeo?
22 Hoe t’i TALÈ IEHOVÀ:
Ingo fa hañonjon-tsirañe
amo kilakila ondatio raho,
naho hajadoko am’ ondatio ty viloko,
naho hindese’ iareo añ’araña’e ao
o ana-dahi’ areoo,
vaho hasese’ iereo añ’ èga
o anak’ ampela’ areoo.
23 Ho roae-mpañotroñe iareo
o mpanjakao,
hampinono iareo o valim-panjakao,

* **49:12** Sinime: Tane atimo

hidrakadrakake ama’o iereo,
laharañe mb’an-tane,
hitsela ty deboke am-pandia’o eo;
vaho ho fohi’o te Zaho IEHOVÀ,
le tsy ho salatse ze mahaliñe ahy.
24 Ho tavaneñe ami’ty fanalolahy
hao ty tsindro’e,
havotsotse amy nahagiokey hao
o tsinepa’eo?
25 Fa hoe t’IEHOVÀ:
Toe ho tavaneñe amy fanalolahiy
o narohi’eo,
naho havotsotse amy mitrotrofiakey
o hinoro’eo;
hatrefeko ty miatreatre azo,
vaho ho rombaheko o ana’oo.
26 Ho fahanako amo nofo’eo avao
o mpamorekeke anahareoo;
ho mamoe’ ty lio’e avao,
hoe t’ie divay mamy;
ho fohi’ ze hene nofotse te
Zaho IEHOVÀ ro Mpandrombak’ azo,
naho t’i Mpijeba’o, t’i Manjofa’ Iakobe.

# 50

1 Hoe t’IEHOVÀ:
Aia ty takelam-panarahañe
naneseako an-drene’ areo?
Ia amo mpampisongo amakoo
ty nandetahako anahareo?
Toe niletahañe ty amo tahi’ areoo,
vaho o fiolà’ areoo
ty naneseañe ty rene’ areo.
2 Akore te tsy teo ty ondaty,
te zaho nimb’eo?
Ie nikaike, tsy teo ty ho nanoiñe?
Bory hao ty sirako tsy hahafijebañe?
Aa vaho po-kaozarañe hao raho
tsy haharombake?
Heheke maiheko i riakey te endahako; anoeko ratraratra o sakao;
mantiñe o fia’eo kanao tsy an-drano,
mate’ ty arandrano.
3 Sikinako mainte o likerañeo,
añombeako gony ho saroñe.
4 Fa natolo’ i TALÈ, IEHOVÀ ahiko
ty famele’ o nanàrañeo,
hampanintsiñako an-drehake
o mondetseo;
barakakaofe’e boa-maraiñe
tsekafe’e o sofikoo
hitsanoñe hoe t’ie mpioke.
5 Fa nisokafe’ i TALÈ, IEHOVÀ o sofikoo,
le tsy nanjehatse, tsy niamboho.

6 Natoloko amo mpandafao ty lambosiko,
naho amo mpañono-boloo ty fifiko; tsy naetako ami'ty ònjitse naho
ami'ty rora ty tareheko.
7 Hañolotse ahy t'i TALÈ, IEHOVÀ,
aa le tsy nisalatse;
nampigañeko hoe vato-paike ty tareheko,
le fantako te tsy ho meñatse;
8 fa marine ao i Mpañatò ahikoy.
Ia ty hifañotake amako?
Antao songa hiongake;
Ia ty rafelahiko?
Angao re hitotoke amako.
9 I TALÈ, IEHOVÀ ro mpañolotse ahy;
ia ka ty hamatse ahy?
Fonga hihamodo hoe tsirodea; ho vazañem-pizara.
10 Ia ama' areo ty mañeveñe am' IEHOVÀ,
naho mañorike ty feo' i mpitoro'ey?
Aa ndra t'ie mañavelo añ'ieñe
ie tsy aman-kazavàñe,
le hiatoa'e ty tahina' IEHOVÀ,
vaho hirampia'e t'i Andrianañahare'e.
11 O ry mpamiañe afoo,
o mpisikiñe vaen-afoo,
mandià amo lebaleban' afo' areoo,
amo vaen'afo niviañe' areoo.
zao ty hizò anahareo an-tañako
t'ie handre an-anahelo.

# 51

1 Haoño raho, ry mpañori-kavantañañe,
ry mipay IEHOVÀ; itoliho i lamilamy
nampitserahañe anahareoy,
naho i koboñe nihaliañe anahareoy.
2 Haraharao t'i Avrahame rae' areo,
naho i Sarae* nisamake anahareo
am-panaintaiñañe,
amy t'ie nirery avao te tinokako,
le nitahieko vaho nampitozantozañeko.
3 Fa nohoñe' IEHOVÀ t'i Tsione;
hene nampanintsiñe'e o tanan-taolo'eo,
naho nampanahafe'e amy Edene
o ratraratra'eo,
le hambañe amy golobo' IEHOVÀy o liolio'eo;
ho tendrek' ao
ty firebehañe naho ty hafaleañe,
ty fañandriañañe naho ty feom-pisaboañe.
4 Haoño raho ry ondatiko,
toloro ravembia ry fifeheako;
fa hiboak' amako ty Hàke, vaho havereko ami'ty havañonako ho failo' ondatio.
5 Fa marine ty havantañako,

* 51:2 Sarae: rakemba: bey; panjaka; ana'e maro

fa mionjom-beo ty fandrombahako,
vaho hizaka ondatio o sirakoo;
handiñe ahy o tokonoseo,
hiato ami'ty sirako.
6 Andrandrao mb'andikerañe eñe
o fihaino' areoo,
le isao ty tane ambane atoy;
fa himosaoñe hoe hatoeñe o likerañeo,
naho hihamodo hoe saroñe ty tane toy,
naho hihomake hoe zay ka ondatio;
fe ho nainai'e donia ty fandrombahako vaho le lia'e tsy haitoañe ty havantañako.
7 Mañaoña ahy ry mahafohin-kavañonañeo, ry ondaty mitan-Kake añ'arofoo;
ko ihembaña'areo ty ifañembaña'ondatio,
vaho ko ilonjera' areo o inje'iareoo.
8 Ie ho hanem-bararaoke hoe lamba,
naho habotsen-oletse hoe volonañondry;
fe nainai'e kitro añ'afe'e ty havantañako,
naho pak' an-tariratse tsitso'e añe
ty fandrombahako.
9 Mivañona, Mivañona,
mañombea haozarañe ry fità' IEHOVÀ!
Mivañona manahake o andro taoloo
manahake o tariratse haehaeo.
Tsy Ihe hao ty nampitseratserake
i Rahabae? ty nitomboke i fañaneñey?
10 Tsy Ihe hao ty nañamaike i riakey,
o rano' i laleke mangonkoñeio;
mbore nanoa'o lalañe an-daleke ao
hitsaha' o jinebañeo?
11 Aa le himpoly o vinili' IEHOVÀ fiaiñeo, higodañe an-tsabo mbe Tsione mb'eo,
nainai'e hilolohe hafaleañe, naho handia taroba an-kaliforan-kaehake, vaho hihelañe
añe ty haoreañe
naho ty fiselekaiñañe.
12 Zaho, le Zaho ty mañohò anahareo,
Ia-mb'arè rehe te ho hembañe am'ondaty
tsi-mahay tsy hivetrakeo,
naho amo ana-ondaty nanoen-ko ahetseo?
13 Nihaliño'o hao t'IEHOVÀ,
Andrianamboatse azo,
I namelatse o likerañeo
naho nañoreñe o faha' ty tane toio?
ihe miriatsandry lomoñandro
ty amy haleveleve' i mpamorekeke
mihentseñe handrotsakeiy!
Fa aia ty haromota' i mpamolevoley?
14 Ho hahàñe aniany ty nasese-androhy;
tsy hizotso mb' am-pihomahañe
mb'an-tsikeokeoke ao,
vaho tsy hieren-kaneñe.
15 Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'o,
ty mampivalitaboake i riakey
vaho nampitroñe o onja'eo—

IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e.
16 Fa najoko am-palie'o ao o volakoo;
naho nanakoñe azo
ami'ty talinjon-tañako,
hampijadoña'o i likerañey,
naho hañoreña'o ty tane toy,
vaho hanoa'o ty hoe t'i Tsione:
Ondatiko 'n-iheo.
17 Mivañona, Mivañona,
mitroara ry Ierosalaime,
fa ninoma'o am-pità'
IEHOVÀ i fitovim-piforoforoa'ey;
ie gineno'o reketse karafo'e
ty fitihem-pivembeñañe,
vaho nikapaihe'o.
18 Tsy eo ty hiaolo aze
ami'ty hatozantoza'
o anake nisamahe'eo;
tsy eo ty mañoho-pitañe aze
amo ana-dahi'e tsifotofoto nibeize'eo.
19 O raha roe zao ty hifetsak' ama'o;
ia ty handala azo?
Ty fangoakoahañe naho ty fandrotsahañe,
ty kerè vaho ty fibara;
aia ty hañohòako azo.
20 Fa toirañe o ana-dahi'oo,
mifitake amo lohan-dala'o iabio,
hoe fanaloke tsinepake an-karato;
lifore' ty fifombo' IEHOVÀ,
ty fañendahan' Añahare'o.
21 Ehe janjiño zao ry mpisotry, naho
ry mpijike—fe tsy an-divay;
22 Hoe t'IEHOVÀ TALÈ
naho i Andrianañahare'o milozoke
ty am' ondati'eoy:
Hehe te rinambeko am-pità'o
ty fanovim-pivembeñañe,
naho ty fitovin-kaviñerako;
le lia'e tsy hinoma'o ka;
23 Fa hapoko an-taña'
o mamorekeke azoo;
o nanao ty hoe ami'ty sandri'oo:
Mibaboha handialià'ay;
le nampanahafe'o amy taney
ty lambosi'o, vaho amy damokey
hijelajelaña'iareo.

# 52

1 Mivañona, mivañona,
aombeo ty haozara'o ry Tsione;
sikino o saro'o fanjàkao,
ry Ierosalaime, rova miavakeo;

fa tsy himoak' ama'o ka henane zao
o tsy nisavatseo naho o tsy malioo.
2 Ahifikifiho o debokeo;
miongaha, miambesara, r'Ierosalaime;
mibalaha amo taly am-bozo'oo,
ry anak' ampela' i Tsione mirohio.
3 Hoe t'IEHOVÀ;
Ie naletake tsy amam-bili'e;
vaho tsy drala t'ie hijebañañe.
4 Fa hoe t'i TALÈ, IEHOVÀ:
Nañavelo mb'e Mitsraime mb'eo
heike ondatiko taoloo, nitaveañe añe;
vaho finorekeke' o nte-Asoreo
tsy aman-dengo'e.
5 Aa inoñe arè ty hanoeko atoy,
hoe t'IEHOVÀ, kanao nasese mb'eo
tsy amam-bili'e ondatikoo?
Mangolalaike o mpifele' iareoo,
hoe t'IEHOVÀ,
vaho nainai'e terateraeñe
ty añarako*, toe lomoñandro.
6 Aa le hahafohiñe ty añarako ondatikoo;
vaho ho fohi' iareo amy andro zay,
te Zaho ty manao ty hoe: Intoy raho.
7 Fanjaka amo haboañeo
o fandiam-pañitrike talily soao,
ty mitsey fierañerañañe,
ty mitaroñe entan-tsoa,
ty mikoike fandrombahañe
vaho manao amy Tsione ty hoe:
Mifehe t'i Andrianañahare'o.
8 Inao ty mpijilo' areo! Mampipoña-peo, mitrao-pisaboañe;
fa ho isam-pihaino' iareo ty fibaliha' IEHOVÀ mb'e Tsione ao.
9 Mipoñafa an-drebeke,
miredoña an-tsabo,
ry tanan-taolo' Ierosalaime;
fa nañohò ondati'eo t'IEHOVÀ,
jineba'e t'Ierosalaime.
10 Hinalo' IEHOVÀ ty fità'e masiñe
am-pihaino' o kilakila' ndatio;
vaho hahaoniñe ty fandrombahan'
Añaharen-tika o añ'olo-ty tane toy iabio.
11 Miavota, Miengà, miakara boak' ao,
ko mitsapa raha maleotse;
miakara boak' añivo'e ao,
miliova, ry mpinday o harao' IEHOVÀO.
12 Tsy halisa hiavotse nahareo,
naho tsy hivoratsake mb'eo;
amy te hiaolo anahareo t'IEHOVÀ
vaho hivoly anahareo

* 52:5 Sab 74:10, 74:18, Avo 20:7, Its 5:11

t'i Andrianañahare' Israele.
13 Ingo, hiraorao i mpitorokoy,
hongaheñe naho honjoneñe
mb'andindiñe añe.
14 Manahake te nimaro ty nitoritotse ty ama'o— ie dinemoke i lahara'ey,
hoe tsy ondaty, naho ty fañova'e
hoe tsy ana'ondaty—
15 ie henaneo ro hampitsekake fifeheañe maro,
mijomohòñe ama'e o mpanjakao;
amy te ho isa' iareo
o mboe tsy nitalilañeo,
vaho ho oni' iareo o mboe
tsy jinanji'iareo.

# 53

1 Ia ty hiantoke ty taro'ay?
naboak' ama'ia ty fità' IEHOVÀ?
2 Ie nitiry añatrefa'e eo
hoe toran-katae,
hoe vahatse an-tane maike.
Ie tsy naràm-bintañe
tsy amañ'asiñe te nisambà'ay;
tsy ni-soa-vintañe hahasinda anay.
3 Nisirikaeñe, nitorifiha' ondaty,
lahilahy nalovilovy,
nahafohim-pandalàñe,
hoe itakonan-tarehe; nimavoeñe
vaho tsy nañaoñe Aze tikañe.
4 Toe nivavè'e o haorean-tikañeo,
nendese'e o hasilofan-tikañeo;
fa nataon-tika t'ie vinango,
linafan'Añahare, nisilofeñe.
5 O fiolàn-tikañeo ty nandratañe aze,
o tahin-tikañeo ty nandemohañe aze;
tama'e ty fandilovañe ninday
fanintsiñañe aman-tikañe;
o fere'eo ro mahajangañ'antika.
6 Songa nandrike hoe añondry
sindre nitsile amy lia'ey;
fonga nampivavè' IEHOVÀ aze
o hakeon-tikañeo.
7 Niforekekeñe naho nampiambaneñe,
f'ie tsy nanoka-palie;
hoe anak'añondry tantalieñe ho lentaeñe,
hambañe ami'ty fitsìn'añondry
añatrefa' o mpañitsikeo,
t'ie tsy nanoka-palie.
8 Fiforeforeañe naho zaka
ty naneseañe aze;
Ia ty ho nahafitoky ty loak'andro'e
kanao naitoañe an-tanen-kaveloñe;
ie pinaoke ty amo fiolà' ondatikoo.

9 Nampindrezeñe amo tsereheñeo ty kibori'e,
vaho niharoe'e havilasy o mpañalealeo,
amy t'ie tsy nijoy,
vaho tsy tam-palie'e ao ty famañahiañe*.
10 F'ie ninò' IEHOVÀ
ty handemoke aze
naho ty haniloke aze,
aa ie nañenga ty fiai'e
ho efe-tahiñe,
le hahavazoho tariratse,
naho hitompeañ'andro,
vaho hiraorao am-pità'e
o satrin' arofo' IEHOVÀo.
11 Ho isa'e ty vokam-paloviloviam-piai'e
le hanintsiñe;
ty hilala' i mpitoroko vantañey
ro hañavantañe ty maro;
ie ty mivave o tahi' iareoo.
12 Aa le hitolorako tambe añivo'
o manjofakeo,
le handivà'e amo fanalolahio
i nikopaheñey,
amy te nadoa'e an-kavilasy ty fiai'e,
naho vinolily amo mpanan-kakeoo,
nilogologoe'e ty tahi' o maroo,
vaho jineba'e o manan-tahiñeo.

# 54

1 Mirebeha ry betsiterake,
ihe tsy nanaranake,
mipoñafa sabo,
mipazapazaha ry tsy nitsongo!
Fa maro ty ana' i vahiniy, te amo ana' i amam-baliio,
hoe t'IEHOVÀ.
2 Itàro ty toen-kiboho'o,
tibaho o lamba fañefen' akiba'oo,
naho ko tomoreñe;
halavao o tali'oo,
vaho haozaro o tsato'oo.
3 Amy t'ie hañivake mb'ankavana,
naho mb'ankavia;
naho handova o kilakila' ndatio o tarira'oo,
vaho hampimoneñañe o rova mangoakoakeo.
4 Ko hemban-drehe fa tsy ho salatse,
ko meñatse, fa tsy hinjèñe,
toe ho haliño'o ty hameñaran-katora'o,
vaho tsy ho tiahi'o ka
ty fañinjeañe i haramavoi'oy.
5 Fa tañanjomba'o i Mpamboatse azoy,
IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e;
t'i Masi' Israele ro Mpijeba'o,

* 53:9 Pe I 2:22

t'i Andrianañahare' ty tane toy
ro fikanjiañe Aze.
6 Fa nitok'azo t'IEHOVÀ hoe valy
naforintseñe naho mihontoke,
aa kanao valin-katora'e,
hapoke hao?
hoe t'i Andrianañahare.
7 Andro bory ty namorintseñako azo;
fe am-piferenaiñañe jabajaba
ty hanontonako azo.
8 Fifomboañe fohe
ty nañetahako ama'o ty tareheko;
fe am-pikokoañe migahiñe nainai'e
ty hiferenaiñako,
hoe t'IEHOVÀ Mpijeba'o.
9 Toe rano' i Noake amako itoy;
amy te hambañe ami'ty nandiliako te tsy hañàmpo ty tane toy ka i rano' i Noakey,
le nititiheko ka t'ie tsy hibosehako
vaho tsy ho trevoheko.
10 Fa hafahañe o vohitseo,
naho haveve o haboañeo;
fe tsy hieng'azo ty fiferenaiñako,
vaho tsy hovaeñe i fañinam-pilongoakoy,
hoe t'IEHOVÀ mpiferenaiñ'azo.
11 O ry malorè avalitaboa' i tio-beiy,
ie tsy amam-pañohò,
heheke te harafeko am-bolo soa
o vato'oo, naho ho tsenèko
an-tsafira o faha'oo.
12 Hanoeko roy o tilik'abo'oo,
le am-bato mañabasà o lalam-bei'oo,
vaho am-batosoa o olotsolotseo.
13 Hene hanare' IEHOVÀ o ana'oo;
vaho hampitomboeñe
ty fierañeraña' o keleia'oo.
14 Horizañe an-kavantañan-drehe;
hitots'azo ty famorekekeañe,
tsy hihembaña'o,
tsy hitotok' azo ka o fandrotsahañeo.
15 Mete hifanontone iereo,
fa tsy ty amako;
hikorovoke añatrefa'o eo
ze mikitroke azo.
16 Zaho 'nio ty nanao i mpanefe
mitiotioke vaen'afoy,
Ie añakara'e fialiañe hitoloña'e;
nanoeko ka ty mpijoy hijoia'e.
17 Tsy hanjofake ze fialiañe
namboareñe haname azo;
naho fonga hafà'o ze fameleke
hitroatse hiatreatre azo an-jaka.
zay ty lova' o mpitoro' IEHOVÀo,

vaho tamako ty havantaña’ iareo
hoe t’IEHOVÀ.

## 55

1 O ry taliñiereñeo!
Mb’an-drano mb’etoa!
Ry tsy aman-dràlao, mb’etoa mivily,
vaho mikama,
eka, ikalò divay naho ronono
tsy aman-drala, tsy amam-bili’e.
2 Inoñe ty andrita’ areo drala
amo tsy mahakamao, naho itoloña’ areo o tsy mañenekeo?
Haoño raho, mitsatsiha,
vaho kamao ty soa,
ampifaleo ty fiai’ areo ami’ty betro’e.
3 Atokilaño amako o ravembia’ areoo;
Mijanjiña, hahaveloñe ty tro’ areo,
vaho hanoako fañina tsy modo, o fiferenaiña’ i Davideo.
4 Ingo, t’ie nanoeko mpañalañalañe
amo kilakila’ndatio,
mpiaolo naho mpameleke ondaty.
5 Ingo! ho koihe’o ty tane tsy fohi’o,
vaho hilay mb’ama’o mb’eo
ty tane tsy mahafohiñe azo, ty am’ IEHOVÀ, Andrianañahare’o,
i Masi’ Israeley, ihe nitolora’e engeñe.
6 Paiao t’IEHOVÀ ie mbe mete ho oniñe, ikanjio te mbe marine eo.
7 Ee te hapo’ i tsereheñey o sata rati’eo vaho hado’ i mengokey o fikinià’eo;
himpoly mb’am’ IEHOVÀ hitretreza’e,
naho mb’aman’ Añahare
hilosora’e tàha.
8 Toe tsy fitsakoreako o vetsevetse’ areoo,
vaho tsy lalako o lala’ areoo,
hoe t’IEHOVÀ.
9 Mira ami’ty maha ambone’ ty tane toy
o likerañeo
ty ha-andikera’ o lalakoo
te amo sata’ areoo,
naho o ereñerekoo
te amo fitsakorean-tro’ areoo.
10 Hambañe ami’ty fiavi’ o orañeo naho
o oram-panala boak’ andindiñeo
ie tsy mibalike, naho tsy
tondraha’e hey o taneo
hampamokara’e naho hampitovoaña’e, hamahana’e doria ami”ty mpitongy naho ampemba ami’ty mikama,
11 Toe zay ty fiakara’ ty entako
am-bavako ao;
ie tsy holy mañomaño amako, fa ho fonire’e o satrikoo,
vaho ho henefe’e ty namantohako.
12 Hiavotse an-kafaleañe nahareo, vaho hampionjoneñe
am-pierañerañañe;
ho poñafe’ o vohitseo ty sabo aolo’ areo,

le hene hiteha-tañañe
ze hatae am-patrañe añe.
13 Hitovoañe hisolo ty fatike
ty mendoraveñe, vaho handimbe
ty hisatse ty beifelañe.
Ho fitiahiañe IEHOVÀ zay,
ho viloñe nainai'e tsy modo, tsy haitoañe.

# 56

1 Hoe t'IEHOVÀ: Mifahara ami'ty hatò,
naho ano ty havantañañe;
toe mitotoke mb'eo ty fandrombahako,
vaho ho bentareñe ty havañonako. 2 Haha t'indaty manao zao
naho ty ana'ondaty
mivontititse ama'e;
te ambena'e i SABOTSEy
tsy hañotà'e faly, vaho
tana'e ty fità'e tsy hanoe'e raty. 3 Tsy apo'e hanao ty hoe,
i renetane mpirekets' am' IEHOVÀy:
Toe havi' IEHOVÀ am'ondati'eo raho;
vaho tsy hado'e hanao ty hoe ty vositse:
Inao! Hatae maike raho. 4 Fa hoe ty nafè' IEHOVÀ:
O vositse mpitañ' o SABATAkoo,
naho mijoboñe o mahafale ahikoo,
vaho mifahatse amy fañinakoy: 5 Ho tolorako lily
naho tahinañe an-trañoko ao
naho am-po' o rindrikoo
ambone' ze atao anadahy
naho anak' ampela:
hitolorako tahinañe tsy ho modo,
tsy haitoañe nainai'e 6 Le o renetane mpirekets' am' IEHOVÀ hiatrak' Aze,
hikoko ty tahina' IEHOVÀ ho mpitoro'eo,
ze mañambeñe i SABOTSEy tsy haniva aze,
vaho mifahatse amy fañinakoy: 7 Ie ro hendeseko
mb'amy vohiko miavakey mb'eo,
vaho hampifalèko an-kivohom-
pitalahoako ao;
ho rambeseñe amy kitrelikoy
ty enga' holora' iareo
naho o fisoroña' iareoo;
amy te hatao: Anjombam-pitalahoa'
ze kila ondaty ty kivohoko. 8 Hoe t'i TALÈ, IEHOVÀ,
Mpanontone o naitoañe
amo ana' Israeleo,
Mbe eo ty havoriko ho ama'e
amo fa natontoko. 9 O ry biby an-kivok' ao,
mb'etoa hampibotseke,
eka ry hene biby añ'ala ao. 10 Goa o mpijilo'eo,
Songa tsy aman-kilala;
Sindre amboa bobo tsy maha-hiake;
mañinofy t'ie mibabòfoke, mpitea-roro. 11 Eka matity o amboao,

tsy apota'iareo ty atao etsake, toe mpiarak'añondry
tsy mahafohiñe, o retiañe;
songa mitsile mb'an-dala'e mb'eo
sindre mampitombo ty aze avao
pak' an-tsitso'e. 12 Antao, hoe iereo, Hangalake divay,
hampiboboke ty tron-tika an-toake;
le hanahake ty andro toy avao
ty hamaray, fe ampitoaboreñe.

# 57

1 Mimosao o vantañeo
fe tsy haoñe' ty arofo' ondaty;
rambeseñ' añe o matarikeo,
fe tsy eo ty mitsakore t'ie nampiengañe amy raty ho aviy.
2 Mimoak' am-pierañerañañe ao re,
mitofa am-pandrea'e eo iereo,
o mpañavelo an-kahiti'eo.
3 Fe miharinea ry anam-pamoreke,
ry tirim-pandrañaotse naho karapilo.
4 Ia ty solè' areo?
Ia ty ampivañavañà' areo vava,
naho ibolobeaha' areo?
Tsy anam-piolàñe hao ry
tirim-pandañirañeo?
5 Inahareo mpañiri-mena ambane' kileo
ambane ze hatae mandrevakeo;
o mpamono ajaja am-bavataneo,
ambane' o tevam-batoo.
6 Amo vato nivañeñe an-goledoñ' ao
ty anjara'o, mañeva azo zay,
mbore nañiliña'o engan-drano,
nibanabanà'o engan-kaneñe.
Hitsiñe amy tsaraeñey hao raho.
7 Fa nalafi'o ambone vohitse mitiotiotse eo ty tìhi'o;
le nimb'eo hañenga soroñe,
8 nañoreñ'ajiba amboho lalañe naho tsotsoke ao;
ie nañafa-tsaroñe fa tsy amako,
niañambone, namelatse i tihi'oy,
le nilahatse am' iereo
vaho nitea'o ty tihi' iareo
te nitsikaoreñe.
9 Nomba'o reke-tsolike i mpanjakay,
le nampitomboe'o o rano-mañi'oo,
nampihitrife'o añe o sorotà'oo,
ihe nihotrake mb'an-tsikeokeoke ao.
10 Nahamokotse azo ty halava' i lia'oy;
f'ie tsy nanao ty hoe:
Po-pitamañe.
Nisolebatse indraike ty fañiria'o,
vaho tsy nilesa.
11 Ia ty nihembaña'o naho nañeveña'o?
Akore te nandañira'o naho

tsy nitiahie'o vaho tsy nitsakorea'o?
Kanao hatr'ela'e ty nitsiñako
ihe tsy mañeveñe amako.
12 Ho taroñeko ty hamarentane'o,
naho o fitoloña'oo—
f'ie tsy ho vara ama'o.
13 Ihe mitoreo,
hahahah' azo hao o raha nahoro'oo;
fa fonga hasiotsion-tioke,
ho vavèn-kofòke mb'eo;
fa ho fanaña' i mitsoloke amakoy i taney, vaho ho lovae'e i vohiko miavakey.
14 Le ho koiheñe ty hoe:
Ahifiho mañambone,
Aobòño ambone ey,
afaho iaby ze sebañe
an-dala' ondatikoo.
15 Fa hoe ty nafè' i Antiotiotsey,
i Andindimoneñe mpimoneñe
an-tsi-fimodoañey,
ie kanjieñe ty hoe: Masiñe.
Zaho mpitoboke amy abo naho masiñey—mpiamako ty mibàboke
naho ty mirèke añ'ova'e ao,
hameloñe ty arofo miambane,
vaho hampibodañe ty troke misoloho.
16 Toe tsy hifañotakotake nainai'e raho,
vaho tsy ho boseke kitro katroke;
hera hamoe'ay o troke aolokoo,
naho o arofo nitsenèkoo.
17 Ty haratia' i fihaña'ey ty nibosehako naho nandafàko,
nietake am-pifomboan-draho;
f'ie nitolom-piola
ami'ty fombàn-tro'e.
18 Fa nitreako o sata'eo,
fe ho jangañeko;
naho hiaoloako, vaho ho vaoeko ama'e
naho amo mpandala'eo ty fañohòañe.
19 Zaho ty mitsene o vokam-pivimbio;
fanintsiñañe, fanintsiñañe,
amy tsietoitaney naho
amy marivoy, hoe t'IEHOVÀ,
vaho ho melañeko.
20 Fa manahake i riake mivalitaboakey
o lo-tserekeo;
amy te tsy mete mipendreñe,
vaho aretsa' o ranoo mañambone
ty leotse naho loto.
21 Tsy am-pierañerañañe
o rati-tserekeo.
hoe t'i Andrianañahareko,

# 58

1 Mikoiha, ko mifoneñe,

mipoñafa-feo hoe antsiva, vaho
taroño am’ondatikoo ty fiolà’ iareo,
naho am’ Iakobe o tahi’eo.
2 Boak’andro iereo manao te mipay ahy,
le mintse mifale handrendreke
o satakoo, manahake t’ie
fifeheañe mpanao havantañañe,
hoe mbe lia’e tsy naforintse’e
o fañèn’ Añahare’eo,
vaho mipay zaka to amako,
inao mahafale iareo ty
mañarine aman’Añahare.
3 Ino ty nililira’ay,
ihe tsy mahavazoho anay?
Akore te nijoie’ay o tro’aio
fe tsy nihaoñe’o?
Inao! amy androm-pililira’ areoy
ro mbore mitolon-draha,
naho mampifanehake mpitoroñe.
4 Isao te fañòlañe naho fifandierañe avao ty fililira’ areo, hanjevoña’ areo ankomondron-kalo-tserehañe.
Tsy ho janjiñeñe an-dindimoneñe ey
i fililira’ areo anindroaniy.
5 Zao hao o fililirañe jinoboko
ho androm-pilieram-batañeo?
T’ie ho fihohòfañe hoe bararata hao,
naho ho fandafihañe gony naho
lavenoke ambane eo?
Zay hao ty atao’ areo ho lilitse,
ho andro no’ IEHOVÀ?
6 Tsy itoy hao o fililirañe joboñekoo?
ty fañahàñe o silisilin-kalo-tserehañeo naho ty hampibalahañe
o tali-randran-jokao,
ty hamotsorañe o forekekèñeo naho ty hampipozahañe
ze hene ana-joka?
7 Tsy ty handivàñe ty mahakama’o
amo salikoeñeo hao, naho
ty hampihovàñe añ’anjomba’o ao
i mavomavo natao’o soike rezay, naho
ty hanikinañe ty miboridañe
te oni’o, vaho tsy iambohoa’o
ty nofots’aman-dio’o?
8 Ie amy zao hipelatse ty hazavà’o
manahake te manjirik’ andro,
le halisa ty fijangaña’o,
hiaolo azo ty havañona’o,
vaho hanehak’ azo ty enge’ IEHOVÀ.
9 Hikanjy rehe henane zay,
le hanoiñe azo t’IEHOVÀ;
hikaik’olotse le hanoe’e ty hoe:
Intoy raho.
Naho asita’o añivo’o ao i jokay, i tondro-soñiy

naho o tambaitambaiñeo,
10 Le ie ferenaiña’o o salikoo
naho eneñe’o o foreforèñeo,
le hanjirike añ’ieñe ao ty hazavà’o vaho hivalike ho tsipinde-mena
ty fimoromoroña’o.
11 Hiaolo azo nainai’e t’IEHOVÀ, le ho eneñe’e ty fiai’o an-tsan-kerè,
vaho hampaozare’e o taola’oo.
Ho goloboñe soa-tondrake rehe,
naho torahañe tsy mai-drano.
12 Hamboare’ o boak’ama’oo
o tanàn-taoloo le hatroa’o o fahan-tariratse maroo,
vaho hatao mpamboatse jebañe rehe,
mpanomonty o lalam-pimoneñañeo.
13 Aa naho avì’o amy SABATAY
ty fandia’o
tsy hañeañe o tolon-draha’oo
amy androko masiñey;
naho tokave’o ty hoe ‘mahafale’
o SABOTSEO, ty andro masi’ IEHOVÀ,
naho amañ’engeñe, le iasia’o,
tsy hañorike o lala’oo, naho
tsy hipay ty mahafale azo, vaho
tsy hisaontsy o enta’oo;
14 Ie hifale am’ IEHOVÀ,
le hampiningirako azo
o haboa’ ty tane toio, vaho
ho fahanako ami’ty lova’ Iakobe rae’o;
zay ty nitsaraem-palie’ IEHOVÀ.

# 59

1 Toe tsy nitomoreñe ty fità’ IEHOVÀ
tsy haharombake,
mbore tsy mavesatse i ravembia’ey,
tsy hahajanjiñe;
2 Fe nampisitake anahareo
aman’Añahare’ areo o tahi’ areoo
naho naeta’ o hakeo’ areoo
amy lahara’ey nahareo,
tsy hahajanjiñe.
3 Fa vinetan-dio o fità’oo,
naho haratiañe o rambom-pità’oo;
fa nireha-bande o soñi’oo,
vaho miñeoñeon-kalò-tserehañe o lela’oo.
4 Tsy eo ty manisý an-kavañonañe,
tsy eo ty mihalaly an-kahiti’e;
miato an-kafoahañe,
naho mivolam-bande,
mampiareñe fikitrofañe iareo,
mampiboloañe haloloañe.
5 Ie mañatoly atolim-pañaneñe,
mandrare fararotse;
mate ty mitsopeke o atoli’eo,

vaho ipoñafan-dapetake ze foy.
6 Tsy hanoen-tsaroñe o fararo'eo,
vaho tsy ho sikina'ondaty
o tolom-pità'eo;
toe satan-karatiañe ty fifanehafa' iareo,
am-pità' iareo ty tolom-piaroteñe.
7 Milay mb'an-kaloloañe mb'eo
ty fandia' iareo,
naho malisa hampiori-dio màliñe;
vetsevetse raty ty fitsakorea' iareo,
an-dala' iareo ty fangoakoahañe
naho ty fandrotsahañe.
8 Nofi' iareo ty lalam-pifampilongoañe,
vaho tsy vantañe o oloñolo' iareoo;
tsy tendreke fañanintsiñe ze mizilike ao.
9 Toli-ndra lavits'antika ty havantañañe,
vaho tsy mahatratse an-tika ty hatò;
mipay hazavàñe tika,
fe hehe t'ie hamoromoroñañe.
10 Tsapatsapaen-tika i rindriñey
manahake te goa,
eka mitsapatsapa hoe tsy amam-pihaino;
mitotohitse an-tsipinde-mena
hoe am-palipalitsieñe;
itika hoe lolo an-toetse maieñe ao.
11 Mañaolo hoe dobe tika,
mangolololoike hoe deho;
mipay ty vantañe fa tsy eo;
ty fandrombahañe,
fe mitòtse aman-tika.
12 Fa mitoabotse añatrefa'o eo
o fiolà'aio,
mbore manisý anay o tahi'aio;
toe aolo'ay eo o fandilara'aio,
vaho fohi'ay o ota-fali'aio:
13 mandilatse naho mitety IEHOVÀ
miamboho aman'Añahare'ay
tsy mañorike Aze,
mivolam-pamorekekeañe
naho hamengohañe,
mikinia naho mañakatse
entan-dremborake boak'an-troke ao.
14 Naolake ami'ty hatò, midisa-voly
naho mijohañe eñe ty havañonañe;
mitsikapy an-gadagadañe ey ty fahiti'e,
vaho tsy mete mizilik' ao ty havantañañe*.
15 Milesa ty havañonañe,
ze mienga ty haratiañe
manao ty vata'e ho injaheñe;
vazoho' IEHOVÀ,

* **59:14** Amo 5:7

le heje'e t'ie po-kavantañañe.
16 Nioni'e te tsy eo ty ondaty,
vaho nilatsa t'ie tsy am-pañalañàlañe;
aa le i fità'ey ty nandrombake ho Aze;
i havantaña'ey ty nanozañe Aze.
17 Niombea'e ty havañonañe
hoe sarom-by
naho añambone'e eo ty sabakam-pandrombahañe;
nisaroñe lambam-pamaleam-pate
ho fisaro'e, vaho
nisaravy fahimbañañe ho sarimbo.
18 Mira amo sata' eo, ty havaha'e:
Fiforoforoañe amo malaiñe Azeo,
Fañondroke amo rafelahi'eo;
Fañavahañe amo tokonoseo.
19 Zay ty añeveña' o tahandrefañeo
ty tahina' IEHOVÀ, i enge'ey,
boak' am-panjirihan' andro añe;
fa hanao vovòn-tsorotombake
ty hankàñe, hasio' ty kofò' IEHOVÀ.
20 Le hitotsak' e Tsione ty mpijebañe†
ho amo mpiamboho fiolàñe
am' Iakobeo, hoe t'IEHOVÀ.
21 Aa naho Zaho, le zao ty fañinako
am' iereo, hoe t'IEHOVÀ:
Ty Troko ama'o naho
o tsara najoko am-palie'oo,
ro tsy hienga am-palie'o,
ndra am-palie' o tiri'oo,
ndra am-palie' o tariran-tiri'oo,
henane zao naho nainai'e tsy modo,
hoe t'IEHOVÀ.

# 60

1 Miongaha, miloeloea;
fa totsake o hazava'oo
fa nanjirik' ama'o ty enge' IEHOVÀ.
2 Toe hanaroñe ty tane toy
ty hamoromoroñañe
naho amo kilakila ondatio ty ieñe ngeo'e,
fe hitosàke ama'o t'IEHOVÀ vaho ho oniñe ama'o ty enge'e.
3 Hañavelo mb'amo hazava'oo
o kilakila ondatio*,
naho mb'ami'ty fireandream-panjiriha'o
o mpanjakao.
4 Ampiandrao mb'eo mb'eo o fihaino'oo, le mahaoniña, hene mifanontoñe, mivovotse mb'ama'o mb'eo
boak'e tsietoitane añe o ana-dahi'oo,
vaho hotroñe' o mpiatrak' azeo

† 59:20 Ies 24:23 * 60:3 Ies 60:19-20, Ben 21:23-24

o anak’ ampela’oo.
5 Ho oni’o amy zao naho haviake, hitepotepo vaho hienatse ty arofo’o;
Fa hasese ama’o ty havokara’ i riakey,
hitotsake ama’o ty vara’ o fifeheañeo.
6 Handrakotse’ azo ty rameva añ’aleale;
hikararake boake Seba añe
o rameva tora’ i Midiane naho Eifàeo†
hanese volamena naho rame,
hitalily ty enge’ IEHOVÀ.
7 Sindre hatontoñe ama’o
ze lia-rai’ i Kedare‡,
songa hitoroñe azo
ty añondrilahi’ i Nebaiote§,
hionjom-b’an’ kitreliko mb’eo fa mañeva;
ho rengèko ty akibam-bolonaheko.
8 Ia o mitiliñe hoe rahoñeo? hoe deho mamonje o traño’eo.
9 Toe handiñe ahy o tokonoseo,
naho hiaolo hinday o ana-dahi’oo
boake lavitse añe o sambo’ i Tarsosio,
reketse ty volafoti’iareo
vaho ty volamena’iareo,
mb’amy tahina’ IEHOVÀ Andrianañahare’o,
naho mb’amy Masi’ Israeley,
fa ie ro hanolotse’ engeñe ama’o.
10 Harafi’ o renetaneo o kijoli’oo,
naho hiatrak’azo o mpanjaka’eo;
toe linafako an-kabosehan-drehe,
fe am-pañosihañe ty niferenaiñako.
11 Hisokake nainai’e o lalam-bei’oo,
tsy harindriñe handro ndra hale,
hañendesa’ ondaty ama’o
ty vara’ o kilakila’ ndatio,
vaho hivovora’ o mpanjaka’eo.
12 Hirotsake ty fifeheañe naho
ze famelehañe tsy mitoroñe azo;
eka ho vata’e fianto i fifeheañe rezay.
13 Homb’ama’o mb’eo ty volonahe’
i Lebanone, o mendoraveñeo,
o harandrantoo, o mañario,
naho o kintsiñeo,
hampisomontia’ iareo i toeko miavakey;
le hanoeko fanjàka ty atimpaheko.
14 Hidrakadrakake mb’ama’o mb’eo
ty ana’ o nampisoañe azoo,
hibokoke an-dela-pandia’o eo
o nanìtse azoo;
vaho hanoa’ iereo ty hoe:
ty rova’ IEHOVÀ,
ty Tsione’ i Masi’ Israeley.
15 Aa kanao naforintseñe

† 60:6 Eifà: mokotse, vozake ‡ 60:7 Kedare: mainte; fandalañe § 60:7 Nebaiote: saontsy; toky; taroke

naho ni-falai' ondaty rehe,
vaho tsy nirangaeñe,
le hanoeko fiaintane nainai'e,
hafaleañe tariratse an-tariratse.
16 Ho riote' areo ty ronono' o fifeheañeo
hinono am-patroam-panjaka
vaho ho fohi'o te
Zaho IEHOVÀ ro Mpandrombak' azo,
naho Zaho Tsitongerè' Iakobe
ro Mpijebañe azo.
17 Hindesako volamena
hasolo ty torisìke,
naho torisìke hasolo ty hatae,
naho viñe fa tsy vato;
hanoeko fierañerañañe o mpifehe'oo,
vaho havantañañe o mpizaka'oo.
18 Tsy ho rey an-taneko ao ka
ty hotakotake, ndra fangoakoahañe
ndra fiantoañe am-po fahe'o ao;
fa hatao'o ty hoe
Fandrombahañe o kijoli'oo,
naho fandrengeañe o lalam-beio.
19 Tsy i àndroy ka ty hitsavavàk' ama'o te handro,
vaho tsy ty hadorisa' i volañey
ty himilemiletse ama'o;
fa hireandreañe ama'o nainai'e t'IEHOVÀ,
naho ho enge'o t''i Andrianañahare.
20 Le lia'e tsy hiroñe i àndroy,
naho tsy hisitake ka i volañey;
fa IEHOVÀ ty ho failo'o nainai'e,
vaho ho modo o androm-pandalà'oo.
21 Hene ho vantañe ondati'oo
ho lova' iareo nainai'e ty tane;
ie singa namboleko,
ty satan-tañako, handrengeañ' Ahiko.
22 Hinjare arivo ty tsitso'e,
naho fifeheañe jabajaba ty kede*;
Zaho IEHOVÀ ty hanaentaeñe aze
ami'ty andro'e.

# 61

1 Amako t'i Arofo' i TALÈ, IEHOVÀ;
ie noriza' IEHOVÀ hinday talily soa amo mpirèkeo;
nirahe'e hamolonkoñe ty jagobo,
hitaroñe fidadàñe amo am-balabeio, naho fañahañe amo mirohio;
2 hitsey ty taom-pañisoha' IEHOVÀ
naho ty androm-pañondrohan'Añahare, hañohòa'e o mihontokeo,
3 hamahana'e ze mirovetse e Tsione ao,
hampisabakae'e voñe
halimbe ty lavenoke,

* **60:22** Ies 41:14, Dan 2:34-44

tavon-kaehake hasolo ty fandalàñe,
saravim-bolonahetse
halimbe ty hamonjèrañe.
Hatao kilen-kavañonañe,
ty fambolèa' IEHOVÀ hisengea'iareo ty volonahe'e.
4 Le hamboare' iareo o tanàn-taoloo,
hatroa' iareo o nangoakoake haehaeo,
vaho ho vaoe' iareo o rova niantoeñeo,
o nibangý fa tariratse maro zay.
5 Hiavotse hamahañe o lia-rai'oo
o ambahinio,
le ho mpiava'o naho mpañeteke
o vahe'oo ty renetane.
6 Fe hatao mpisoro' IEHOVÀ nahareo,
hatao ondatio ty hoe:
Mpiatrak' an'Andrianañahare'ay;
ho kamae' areo ty vara' o fifeheañeo,
vaho ho sengè' areo ty volonahe' iareo.
7 Kanao ni-roe ty hasalara' areo,
naho nirebeha' iareo ty hoe:
Anjara' iareo ty fivoteboteñañe,
le hanañe roe an-tane' iareo ao,
vaho ho nainai'e am' iareo ao
ty hafaleañe.
8 Fa mpitea ty hatò zaho IEHOVÀ;
hejeko ty kametse naho ty lilatse;
hondrohako ami'ty hahiti'e iereo,
naho hanoako fañina tsy modo.
9 Ho fohiñe amo kilakila ondatio
o tarira' iareoo,
naho am'ondatio o taminga' iareoo;
hapota' ze mahaoniñe
t'ie ty tiry nitahie' IEHOVÀ.
10 Handia taroba am' IEHOVÀ raho,
hirebek' aman' Añahareko ty troko;
amy te siniki'e sikim-pandrombahañe,
Nasaro'e sarimbom-pandrebahañe,
le sinabaka'e hoe fañombeam-pañenga i sabaka'ey,
vaho nihaminañe hoe enga-vao amo bange'eo.
11 Toe hambañe ami'ty fampitiria'
i taney o hatae'eo naho
ty fampiporotsaha' ty goloboñe
o nitongiseñe ama'eo;
ty hampipitsiha' i TALÈ, IEHOVÀ
fandrebahañe naho engeñe añatrefa'
ze kilakila'ondaty.

# 62

1 Tsy hitsin-draho ty amy Tsione,
tsy hitofa ty am' Ierosalaime;
ampara' te mionjom-beo am-pireandreañe ty fandrebaha'e,
naho manahake ty firebarebam-pañilo

ty fandrombaha’e.
2 Ho isa’ o fifeheañeo ty fandreketa’o,
naho o mpanjaka iabio ty enge’o;
vaho ho kanjieñe tahinañe vao rehe,
ze ho toñonem-palie’ IEHOVÀ.
3 Ie ho sabaka soa am-pità’ IEHOVÀ ka,
naho banetram-panjaka
an-dela-pitàn’ Añahare.
4 Tsy hatao Naforintseñe ka rehe, naho
tsy ho tokaveñe ty hoe mangoakoake ka ty tane’o;
fa hoe ty hatao azo: An-Kafaleako,
naho ty tane’o: Manam-baly;
amy te ifalea’ IEHOVÀ,
vaho hanam-baly ty tane’o.
5 Hambañe ami’ty fañengàn’ ajalahy
ty somondrara miehañe,
ty hañengà’ o ana-dahi’oo azo;
vaho manahake ty firebeha’
ty mpañenga amy enga-vao’ey,
ty hifalean’ Añahare’o ama’o.
6 Fa nampijadoñeko ambone’
kijoli’o ey ty mpijilo, ry Ierosalaime,
tsy hianjiñe handro an-kaleñe iereo;
ko mitofa ry mpanohiñe IEHOVÀO,
7 vaho ko apo’ areo t’ie hitofa,
ampara’ te oriza’e,
eka ampara’ te hanoe’e fandrengea’
ty tane toy t’Ierosalaime.
8 Fa nifanta am-pità’e havana t’IEHOVÀ, an-tsiran-kaozara’e:
T’ie tsy ho fahanako amo ampemba’oo
o rafelahi’oo, naho
tsy hinoman’ ambahiny ka
o divay nitoloñe’oo.
9 O nanontoñe azeo ty hikama ama’e,
naho handrenge IEHOVÀ,
vaho o nitimpoñe azeo ty hinoñe ama’e,
an-kiririsan-toeko miavake eo.
10 Iziliho, iziliho o lalam-beio, hajario ty lala’ ondatio;
ampitoabòro, ampitoaboro i tatakey, hene aveveo o vatoo, zonjò viloñe ambone’ ondatio ey.
11 Ingo fa nikoike pak’añ’olon-tane añe
t’IEHOVÀ, Ano ty hoe t’i Tsione anak’ampela : Ingo, mb’eo ty fandrombaha’o; rekets’ i tambe’ey,
ama’e ka ty vale-soa’e.
12 Hatao ty hoe iereo :
Ondaty masiñe, jineba’ IEHOVÀ.
Ho tokaveñe ty hoe rehe :
Tsinoeke;
Rova tsy Naforintseñe.

# 63

1 Ia o mb’atoy hirik’ Edome,
reketse lambam-Botsrà nimenaeñeo?
i minday engeñe amo saro’eoy,
i maràm-bintañ’ ami’ty
ha’ra’elahin-kaozara’ey?
—Zaho mivolañe ami’ty hatò,
fatratse te handrombake.—
2 Aa vaho ino ty mahamena o saro’oo,
naho ty sarimbo’o, manahake ty
mpandia divay an-tsajoa ao?
3 Zaho avao ty nandialia
i fanindrian-divaiy,
fa ondatio, leo raike tsy nimpiamako;
eka ho liàko ami’ty fifomboko,
naho hatsafeko ami’ty fiforoforoako;
naho nifitse amo sikikoo ty lio’ iareo
vaho hene kinomatraoko o sarokoo,
4 Toe androm-pañavahañe ty an-troko ao,
fa tondroke ty taom-pijebañako.
5 Nenteako te tsy teo ty hañolotse,
niisako an-kalatsañe
fe tsy teo ty hanozañe;
aa le ty tañako avao ty ninday
fandrombahañe ho ahiko,
nanozañ’ahy ty fifomboko.
6 Le niliako an-kaboseke ondatio,
naho nimamoeko am-poroforo,
vaho naretsako an-tane ty haozara’ iareo.
7 Ho taroñeko ty fiferenaiña’ Iehovà,
naho ty fijejoañe Iehovà,
ty amo hene raha fanjàka
natolo’ Iehovà antikañeo,
naho i fatariha’e ra’elahy
amy anjomba’ Israeley,
i natolo’e iareo
ty amo fitretreza’eoy naho
amo fiferenaiña’e bey heneheneo,
8 amy natao’e, ty hoe; Toe ondatiko iereo, anake tsy handañitse;
Ie ro nandrombake iareo.
9 Amo haferenai’ iareo iabio, le niferenaiña’e, naho nandrombake
iareo ty anjelim-piatrefa’e;
ty fikokoa’e, toe i haleñ’arofo’ey
ty nijebaña’e iareo
naho notroñe’e vaho nivavè’e
amo hene andro taoloo.
10 Fe niola iereo, nanjehatse
amy Arofo’e masiñey;
aa le nifotetse re ho rafelahi’ iareo;
ie avao ty nialy am’ iereo.
11 Nitiahi’ ondati’eo amy zao
o andro taolo faha’ i Mosèo:

Aia i nampitroatse iareo
amy riakey rekets' i mpiara-lia-rai'eiy?
Aia i nampijoñe i Arofo'e Masiñey
am' iereoy?
12 ie nanehake ty fitàn-kavana' i Mosè
am-pità'e lifots'engeñey;
ie nandriatse i rano aolo' iareoy,
hanoe'e tahinañe tsy modo ho aze;
13 ie niaolo iareo hitsake i lalekey hoe te
soavala ampatrañey, tsy hitsikapy?
14 Manahake ty fizotsoan' añombe
mb'am-bavatane mb'eo,
ty nampitofà' i Arofo' IEHOVÀ iareo;
zay ty niaoloa'o ondati'oo,
hanoe'o tahinañe bey volonahetse.
15 Mijilova boak' andikerañ'añe,
mivazohoa boak' amy akiba'o
miavake lifots'engeñey;
aia ty fahimbaña'o,
naho o haozara'o ra'elahio,
ty fitrekotrekon-kovi'o,
naho o fiferenaiña'o ahio?
nisebaneñe hao?
16 Ihe ro Rae'ay;
ndra te nofi' i Avrahame
naho amoea' Israele; Ihe ry IEHOVÀ ro Rae'ay,
i Mpijebañe Anay Haehaey ro tahina'o.
17 O ry IEHOVÀ,
ino ty ampandilara'o anay o lala'oo
naho mampigañe ty tro'ay
tsy hañeveñe ama'o?
Mibaliha amo mpitoro'oo,
amo fifokoan-dova'oo.
18 Didý tsy ho rinoa' iareo
ondaty navahe'o iabio,
fa linialia' o rafelahi'aio
i toe'o miavakey*
19 Fa ninjare hoe mbe lia'e
tsy nifehe'o zahay,
amy te tsy nitokaveñe amy Tahina'oy.
Ehe te ho riate'o o likerañeo,
hizotsoa'o mb'etoa,
naho hiezeñezeñe añ'atrefa'o eo
o vohitseo,

# 64

1 Manahake ty famorototoan'
afo o rongoñeo,
ty afo mampitroatroake rano.
Hampaharofoanañe o malaiñ'Azoo

* **63:18** Sab 74:1-23, 79:1-13, Iir 51:51, Fir 1:10, Dan 8:13, 11:31, Mat 24:15

ty tahina’o, hihondrahondra’
o kilakila’ ndatio ami’ty fiatrefa’o,
2 Ie nanoa’o raha tsitantane tsy nipaia’ay
—Ehe te hizotso Rehe,
te hiozoñozoñe o haboañeo
ami’ty fiatrefa’o!—
3 ie tsy jinanji’ ondatio taolo,
tsy napotan-dravembia
tsy nioni-pihaino,
t’i Andriananañahare naho tsy Ihe,
Ie mitoloñe ho a o mandiñe Azeo.
4 Fitilihe’o ty mitolon-kavantañañe an-kaehake, o mahatiahy Azo amo lala’oo —eka,
mifombo Rehe te mandilatse zahay.
Fe ami’ty fiatoa’ay amo lala’o haehaeo
ro hahazoa’ay rombake.
5 Songa ninjare hoe ondaty tiva zahay,
sindre hoe tsirodea maleotse ty havantaña’ay;
miheatse manahake ty raveñe,
vaho maniotsiotse anay añe
hoe i tiokey o hakeo’aio.
6 Leo raike tsy mikanjy ty tahina’o,
ty mitrobo vatañe handrambe Azo;
fa naeta’o ama’ay ty lahara’o,
vaho nagedra’o ty amo tahi’aio.
7 Hoke, ry Iehovà,
Ihe ro Rae’ay; zahay ro lietse,
Ihe ro mpitoloñe anay,
Ie songa satam-pità’o.
8 Ko loho viñetse ry Iehovà,
vaho ko mahatiahy hakeo nainai’e;
heheke, vazohò henaneo,
te hene ondati’o zahay.
9 Fa nanjare ratraratra o rova’o miavakeo,
fatrambey ty Tsione,
mangoakoake t’Ierosalaime.
10 I anjomba’ay miavake naho fanjakay,
i nitalahoan-droae’aiy,
le fa finorototo’ ty afo;
vaho fonga navatambia ho forompotse
o raha soa’aio.
11 Mbe hifoneña’o hao ry Iehovà
ty amy raha rezay?
hianjiñe hao Rehe hanotry anay
an-tìñake.

# 65

1 Tsoehe’ o tsy nañontane Ahio raho,
nitendreke o tsy nipay Ahikoo;
Le nataoko ty hoe:
Intoy raho, Intoy raho;
ami’ty fifeheañe tsy tokaveñe

ami'ty añarako.
2 Fa nañity tañañe lomoñandro raho
am'ondaty mañarinjeñeo,
o mijelanjelañe an-dalañe tsy mahasoao,
mañorike ty fitsakorea' iareo avao;
3 Ondaty mikai-jaka an-daharako
nainai'eo, ie manao soroñe
an-goloboñe ao, vaho mañemboke
ambone birike eo;
4 O mpitozòke an-kibory ao,
naho mañialo añ'etake ao;
o milintseñe henan-dambo*,
vaho ron-draha veta
am-pinga'eo.
5 Ie manao ty hoe: Mijohaña ey rehe,
ko mitotoke amako,
amy te masiñe te ama'o raho;
hatoeñe añ'oroko ao iereo,
afo miforehetse lomoñandro.
6 Hehe t'ie sinokitse aoloko eo,
tsy hianjiñe raho ampara' te hondroheko, eka, havahako añ'araña' iareo ao
7 o hakeo' areoo,
mitraoke amo tahin-droae' areoo,
hoe t'IEHOVÀ,
ie nibanabana an-kaboañe ey,
naho niteratera ahy amo vohitseo;
le haranako añ'araña' iareo hey
ty fitoloña' iareo.
8 Hoe t'i IEHOVÀ:
Manahake te zoeñe ami'ty
angazora'e ao ty ranom-baloboke,
le hoe ty saontsy: Ko joieñe, fa aman-tata;
zay ka ty hanoeko ty amo mpitorokoo,
fa tsy ho fonga rotsaheko.
9 Fa hampiakareko am' Iakobe ty tiry,
naho haboako am' Iehodà
ty mpandova o vohikoo;
le handova aze o jinobokoo,
vaho himoneñe ao o mpitorokoo.
10 Ho golobon-dia-raike t'i Sarone,
le ho fandream-piray troke
ty vavatane' i Akore†,
ho a ondaty mipay Ahikoo.
11 Fe, ry mpitsambolitioke am'IEHOVÀ naho mandikoke i vohiko miavakeio,
naho mañalankañe kitrelim-
pitahiañe, vaho mampilaro divay
am-pañaranañe pea ho ami'ty vintañe,
12 Hoireko ho am-pibara nahareo,
fonga hitsingoro am-pizamanañe;
amy te nitokaveko, fe tsy nanoiñe,

* **65:4** Oni: Ies 66:17 † **65:10** Akore: tolon-tsotry

le tsy nihaoñe' areo t'ie nitaroñe;
te mone nanoe'areo ze raty a masoko ao,
jinobo' areo ty tsy maha-fale Ahiko.
13 Aa le hoe t'i TALÈ, IEHOVÀ:
Hikama o mpitorokoo,
fe ho kerè nahareo;
hinoñe o mpitorokoo,
fe haran-drano nahareo;
hirebeke o mpitorokoo,
fe ho salatse nahareo;
14 Eka hisabo ami'ty hafalean-tro'e
o mpitorokoo,
f'ie hirovetse am-pioremeñan'arofo,
naho hangoihoy ami'ty fandalàn-troke.
15 Hapo' areo ho fatse amo jinobokoo ty añara' areo:
zay ty hanjamana' i TALÈ, IEHOVÀ azo;
fa hanoe'e tahinañe hafa o mpitoro'eo.
16 Aa le hitata aman' Añaharen-katò
ze hitata vatañe an-tane atoy;
le hifanta aman'Añaharen-katò
ze hifanta an-tane atoy;
amy te añe o hasotriañe taoloo,
fa naetake amo masokoo.
17 Ingo, mandranjy likerañe vao
naho tane vao raho;
naho tsy ho tiahy ka o raha taoloo,
vaho tsy ho tohinem-betsevetse.
18 Aa le mifalea naho mirebeha nainai'e
amy hitseneakoy;
ingo, hamboareko firebehañe t'Ierosalaime
naho hafaleañe ondati'eo.
19 Le hifaleako t'Ierosalaime,
naho hitrao-pirebeke am'ondatikoo;
vaho tsy ho janjiñeñe ama'e ka
ty feom-pangololoihañe,
naho ty feom-pirovetañe.
20 Tsy eo ty anak'ajaja
tsy hahatrats' andro,
ndra ty ondati-bey tsy ho eneñe andro;
le hatao tora'e ty mihomake t'ie zato taoñe,
vaho hatao fokom-patse aman-
kakeo ze tsy mahatratse ty hazato tao'e.
21 Handranjy anjomba iereo,
naho himoneña'e;
hambole an-tanem-bahe iereo
vaho hikama amo voa'eo.
22 Ie tsy hamboatse, hitoboha' ty ila'e
vaho tsy hitongy, habotse' ty hafa;
fa ho mira ami'ty andron-katae
ty andro' ondatikoo,
ho losore' o jinobokoo havelo
o satam-pità'iareoo.

23 Tsy hifanehake ami’ty fianto iereo,
tsy hisamake ho an-kankàñe,
fa ho tahie’ IEHOVÀ o tabiri’ iereoo,
naho o tarira’ iareoo.
24 Ie amy zay, aolo’ te hikanjy iereo,
le hanoiñe raho; ie mbe misaontsy,
le fa nahatsanon-dRaho.
25 Hitrao-pihinañe ty farasy
naho ty añondry,
hihinañ’ahetse manahake ty añombe o lionao,
le deboke ty liñe ’ o mereñeo
f’ie tsy hijoy, tsy hanao raty ndra
aia’aia am-bohiko masiñ’ ao,
hoe t’IEHOVÀ.

# 66

1 Hoe t’IEHOVÀ:
Fiambesako i likerañey,
atimpaheko ty tane toy;
aia arè ty traño ho lefe’ areo rafeteñe
ho Ahiko?
Aia ty toetse mete ho fitofàko?
2 Toe kila satan-tañako ;
zay ty nampiboahañe
o fitoloñan’ Añahareo, hoe t’IEHOVÀ;
fe ondaty zao ty henteako:
ty rarake añ’arofo mikoretse,
naho minevenevetse amo volakoo.
3 Hoe mañe-doza ama’ ondaty
ty mitombok’ añombe;
hoe mamolake vozon’amboa
ty mañenga vik’añondry;
hoe mañenga lion-dambo
ty mañenga mahakama;
hoe te mitata sampondraha ty mañemboke; eka fa jinobo’iareo ty lala’iareo, naho mampinembanembañe ty tro’iareo o raha’e mampangoriñeo.
o raha tiva’iareoo.
4 Zaho ka ty hijoboñe ty fandilovañe iareo,
vaho hafetsako am’iereo ty ihembaña’ iareo;
amy te, nikanjy raho,
fe leo raike tsy nanoiñe;
nitaron-dRaho, fe tsy amam-pañaoñe,
te mone nanoe’ iareo haloloañe
aolo’ o masokoo, vaho jinobo’ iareo
ty tsy maha fale ahiko.
5 Mijanjiña ty tsara’ IEHOVÀ
ry mpinevenevetse amo tsara’eo:
fa nanao ty hoe o rolongo
malaiñe anahareoo,
o nandroak’ anahareo
ami’ty añarakoo, ami’ty hoe:
Itolorañ’engeñe abey t’IEHOVÀ,
hisamba’ay ty firebeha’ areo.

F’ie ho salatse.
6 Inay ty feon-koràke boak’an-drova ao,
inao ty feo boak’ amy anjombay,
ty fiarañanaña’ IEHOVÀ mañondroke
avake amo rafelahi’eo:
7 Ie mbe tsy nitsongo le fa nisamake,
ie mbe tsy niavy i fanaintaiña’ey
le nahatoly ana-dahy.
8 Ia ty nahajanjiñe i hoe zay?
Ia ty nahaisake i rahay?
Hiterake añ’andro raike hao ty tane?
Aboake aniany hao ty fifeheañe?
Fe vata’e nitsongo ty Tsione,
le nasama’e o ana’eo.
9 Hampitsongoeko hao,
le tsy hampisamaheko?
hoe t’IEHOVÀ;
Zaho mpampisamakey hao
ty handrindriñe i hoviñey?
hoe t’i Andrianañahare.
10 Mitraofa rebeke am’ Ierosalaime,
le itraofo fifaleañe ry mpikoko aze iabio;
irebeho an-kaehake ry mandala azeo.
11 Soa t’ie hinono vaho hiareare
ami’ty fatroa’ o fañohòa’eo;
hiriota’ areo an-kafaleañe miheotse,
ami’ty havokara’ o enge’eo.
12 Hoe t’IEHOVÀ: Ingo, ho taroñeko fierañerañañe hoe oñe,
naho ty enge’ o fifelehañeo
hoe torahañe mandopatse.
Hinono nahareo, ho vaveñe añ’ila’e,
vaho honkoñeñe añ’ongotse eo.
13 Manahake ty fañohòan-drene’e
ty ana-dahy, ty hañohòako anahareo;
e Ierosalaime ao t’ie hanintsiñe.
14 Ie isa’ areo le hifale añ’ arofo,
naho hiraorao o taola’ areoo
hoe ahetse tora’e;
naho ho fohiñe te mpañimba
o mpitoro’eo ty fità’ IEHOVÀ,
vaho hatreatrè’e o rafelahi’eo.
15 F’inao! Ho totsake aman’afo t’Iehova, naho hoe tangololahy o sarete’eo, hamalea’e am-piforoforo ty haviñera’e, naho añ’ afo mirebareba ty fitrevoha’ey;
16 Fa añ’afo ty hiatrefa’IEHOVÀ zaka,
naho am-pibara’e ze hene nofotse;
fa maro ty ho zamane’ IEHOVÀ.
17 Ze mañamasim-batañe naho
miefetse himoaha’e an-goloboñe ao,
sindre mañorike ty añivo ao,
milintseñe henan-dambo*,
ty mampangorý, naho ty kotika,

* **66:17** Ies 65:4, Sor 11:7, Its 14:8

le fonga hatraoke ho mongoreñe,
hoe t'IEHOVÀ.
18 Toe hene apotako ze sata' iareo
naho o vetsevetse' iareoo,
le ho tondroke te songa hatontoko
ze fifelehañe naho fameleke;
ie homb'eo hahaisake ty engeko.
19 Le hanoeko fanoroañe am'iereo ao,
naho hafantoko amo nahafirimatseo,
ty hañavelo mbe Tarsise, mbe Pole†,
mbe Lode‡ mpitàm-pale, mbe Tobale§
naho mbe Iavane*,
mb'amo tokonose tsietoitaneo,
o mboe tsy nahajanjiñe o engekoo
ndra nahaisake o volonahekoo; vaho
ho koiha'iereo amo fifeheañeo ty engeko;
20 vaho hampiavote' iareo boak' amo
kilakila' ndatio o longo' areoo
ho fañenga am'IEHOVÀ
ambonen-tsoavala, naho an-tsarete,
naho an-tsarete mitafo,
naho miningitse borìke,
vaho ambone' ty biby masìka
mb' am-bohiko miavake
mb'e Ierosalaime mb'eo, hoe t'IEHOVÀ,
manahake ty fibanabana' o ana' Israeleo o enga' iareoo
am-pinga malio mb'añ'anjomba' IEHOVÀ.
21 Boak' am' iereo ao ty hangàlako
mpisoroñe naho nte-Levy,
hoe t'IEHOVÀ.
22 Fa hambañe amy te ho añatrefako
nainai'e o likeram-baoo
naho i tane vao hanoekoy,
hoe t'IEHOVÀ,
te hifahatse eo ka ty tiri' areo
naho ty tahina' areo.
23 Ho tondroke ka te boak'ami'ty jiri-bolañe pak' am-pipeaha'e,
naho hirik' an-tSABATA pak' an-tSABATA,
le homb'añatrefako eo ze hene veloñe,
hitalaho, hoe t'IEHOVÀ.
24 Hiavotse ka iereo hisamba o fate' ondaty niola amakoo;†
tsy ho modo ty oletse ama'e,
tsy hakipeke ty afo ama'e,
ie hampangorý ze atao nofotse.

† **66:19** Pole: voa-maike; fandrotsaha ‡ **66:19** Lode: fisamahañe; fanaranàhañe § **66:19** Tobale: ty tane toy; fivalitsikotahañe * **66:19** Iavane: Mpamañahy; ty mahafioremeñe † **66:24** Ies 24:6, 34:2-3, Sab 110:6, Iir 25:33

# Iirmeà

1 Ty enta' Iirmeà* ana' i Kilkià† mpiamo mpisoroñe nte-Anatote‡ an-tane' Beni-
amìneo§, 2 ie nivotraha' ty tsara' IEHOVÀ tañ'andro' Iosià* ana' i Amone†, mpanjaka'
Iehodà, amy taom-paha folo-telo-ambi' i fifehea'ey. 3 Niheova'e ka tañ'andro'
Iehoiakime‡ ana' Iosià, mpanjaka' Iehodà pak'ami'ty fimodoa' ty taoñe faha folo-
raik'ambi' i Tsidkià§ ana' Iosià mpanjaka' Iehodà, ampara' ty faneseañe Ierosalaime*
an-drohy añe amy volam-paha-limey.

4 Aa le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 5 Ihe mbe tsy tsineneko an-trok'
ao le nifàntako; aolo' ty niboaha'o an-koviñ' ao le navahako, vaho tinendreko ho
mpitoky amo kilakila' ndatio.

6 Le hoe ty nataoko, Ehe Talè IEHOVÀ! Zaho tsy mahafivolañe, fa mbe anak' ajaja.
7 Aa hoe t'IEHOVÀ amako: ko manao zao, t'ie Anak' ajaja; fa ze amantohako azo ty
handenà'o le ndra inoñ' inoñe ty hatoroko azo, ty ho taroñe'o. 8 Ko ihembaña'o; fa
mpiama'o raho handrombak' azo, hoe t'IEHOVÀ.

9 Nahiti' IEHOVÀ amy zao ty fità'e, le nedrè'e ty vavako; vaho nanao ty hoe amako
t'IEHOVÀ: Ingo te napoko am-palie'o ao o entakoo;

10 Oniño te androany
ty nampijadoñako azo
ambone' o fifelehañeo naho o fifeheañeo.
Ty hañombotse naho hampigorobañe,
ty hamotsake naho handrotsake;
ty handranjy vaho hambole.

11 Mbore nimb'amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: O Iirmeà, mahaisake ino v-
iheo? le hoe ty asako: Mahatrea ty tsampa-mahabibo. 12 Le hoe t'IEHOVÀ amako, Toe
nahaonin-drehe; fa jilojiloveko† o volakoo hahatafeterako aze.

13 Niheo amako fañindroe'e ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: Inoñe o isa'oo? le
hoe raho, Mahatrea valàñe mikokèntrekokèntreñe raho; le boak' avaratse ey ty
fihilañam-bava'e.

14 Aa le hoe t'IEHOVÀ tamako: Ho boroboñafe' ty hekoheko boak' avaratse añe amy
ze hene 'ndaty an-tane atoy. 15 Ingo ho koiheko iaby ze fifokoa' o fifeheañe avaratseo,
hoe t'IEHOVÀ, homb' atoy, songa hampipoke ty fiambesam-panjaka'e an-dalam-bey
fimoahañe am' Ierosalaime, naho amy ze fonga kijoly miarikoboñe aze, vaho amy
ze hene rova' Iehodà. 16 Aa le ho taroñeko te hizakako ty hatsivokara' iareo; amy
te naforintse' iareo raho, naho mañemboke aman' drahare ila'e, vaho mitalaho amo
sata-pità'iareoo avao.

17 Ihe arè, mampidiaña vania vaho miavòta, saontsio ze hene amantohako azo;
ko ifimpìña'o, tsy mone hampitsolofiñeko añatrefa'iereo. 18 Hehe te nanoeko rova
finatratse rehe, bodam-biñe, naho kijoly torisìke, amo tane iabio, amo mpanjaka'
Iehodao, amo roandria'eo, amo mpisoro'eo, vaho am' ondati' i taneio. 19 Toe hialia'
iereo; fe tsy hahagioke, amy te ama'o raho, hoe t'IEHOVÀ, hañahako azo.

---

* **1:1** Iirmeà: Fañonjonañe IEHOVÀ † **1:1** Kilkia: Andriananañahare ty anjarako ‡ **1:1** Anatote: Vale; sabo; hararahañe § **1:1** Beniamine: anam-pitan-kavana * **1:2** Iosià: Ty afo' IEHOVÀ † **1:2** Amone: Migahiñe, to ‡ **1:3** Iehoiakime: famaleam-pate' IEHOVÀ (ndra fañoriza'e, ndra ty fiheren-ko velo'e) § **1:3** Tsidkia: ty hato' IEHOVÀ * **1:3** Ierosalaime: Aroñarom-panintsiñañe † **1:12** Sakede: Mahabibo; Sakade: mijilo

# 2

1 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: 2 Akia mikoiha an-dravembia'
Ierosalaime ao ty hoe:
Hoe t'IEHOVÀ:
tiahiko ty hatea' i hatora'oy,
ty fikokoa'o, ihe nienga-vao;
i fireketa'o amako an-dratraratray
an-tane mboe tsy nitongisañe añe.
3 Niavake am' IEHOVÀ t'Israele,
ty lohavoan-kavokara'e;
hanan-kakeo ze mampibotseke ama'e
hankàñe ty hizò iareo, hoe t'IEHOVÀ.
4 Mijanjiña ty tsara' IEHOVÀ,
ry anjomba' Iakobe*, naho
ry hene fifokoan'anjomba' Israele;
5 Hoe t'IEHOVÀ:
Ino ty tsi-havañonañe nizoe'
o roae' areoo amako,
kanao nihankaña'e,
naho nañorike ty tsy jefa'e,
vaho nifotsake ho kafoake?
6 Mbore tsy nanao ty hoe iereo:
Aia t'IEHOVÀ nanese antika niakatse
an-tane Mitsraime†,
niranga i fatram-beiy,
i tanen-diolio naho koboñey,
i tanem-paosa an-talinjon-kavilasiy,
tane mb'e lia'e tsy nitsahe 'ondaty,
vaho tsy fimoneña' ty ana' ondaty.
7 Nendesako mb'an-tane mamokatse,
hikama' areo ty hasoa'e;
fa ie nizilik' ao te mone tiniva' areo i tanekoy,
vaho vineta' areo i lovakoy.
8 Tsy nanao ty hoe o mpisoroñeo:
Aia t'IEHOVÀ?
Namoea' o mpamandroñe Hàke iabio raho,
nandilatse ahy o mpiarakeo‡,
nitoky añamy Baale§ o mpitokio,
vaho nañorike raha tsy vara.
9 Aa le hiatreatreako, hoe t'IEHOVÀ,
vaho hatreatrèko o anan'ana' areoo.
10 Mitsahà mb'an-tokonosen'
te-Kitìmeo* añe naho mandrendreha
naho ampañitrifo mb'e Kedare† mb'eo
vaho mitsoeha,
hera ho oni' areo te fa teo, o hoe zao:
11 Tane aia ty nañova o 'ndrahare'eo,
ie toe 'ndrahare tsie avao?
fe nasolo' ondatiko raha tsy manjofake ty enge' iareo.

---

* 2:4 Iakobe: Tomitse; Gegeañe hahazoañe † 2:6 Egipte: Mpamorekeke, mampisotry ‡ 2:8 Iir 10:21, 12:10-11, 50:6-7 § 2:8 Baale: Talè, Tompo * 2:10 Kitime: mamolake; mamonodroboke kedeke; volamena; † 2:10 Kedare: hamoromoroñañe, hontoke

12 Ilatsao ry likerañeo,
minevenevèra naho mijehàra,
hoe t'IEHOVÀ.
13 Nanao hakeo roe ondatikoo:
Nifarie' iareo raho,
i Rano Veloñe‡ migoangoañey,
hihalia'iareo kadaha,
kadaha señake tsy mahatan-drano.
14 Ondevo hao t'Israele?
Fetrek'oro hao?
Aa le ino ty idohirañ' aze?
15 Fa nitroñe ama'e o liona tora'eo,
nipoña-peo hampangoakoak' i tane'ey,
kòake iaby o rova'eo,
tsy amam-pimoneñe.
16 Hinara' o ana' i Nofe§
naho i Tak'penkeseo* ty hevo'o.
17 Tsy zao hao ty tali' i raha zay,
te naforintse'o t'IEHOVÀ
Andriananañahare'o,
i niaolo azo amy lalañeiy.
18 Ino mb'arè ty atao'o an-dalam-b'e Mitsraime añe,
hitohoke ty ranon-tSikore† hao?
Ino ka ty hanoe'o an-dalañe mb'e Asore mb'eo, he hitrinike i ranon-tSàkay hao?
19 Ty halò-tsere'o avao ty hitrevok' azo,
naho hañendak' azo ty fidisa-voli'o;
mahaoniña arè, vaho mahaisaha
te raha raty naho mafaitse
ty fitsambolitio'o an' Andriananañahare'o,
naho te tsy ama'o
ty fañeveñañe Amako,
hoe t'i Talè, IEHOVÀ' i Màroy.
20 Fa pinozako haehae ty joka'o,
rinafadrafako o vahotseo,
le hoe rehe: Tsy ho toroñeko, te mone nandrea'o vaho nanao hakarapiloañe ambone' ze hene haboañe
naho ambane' ze fonga hatae mandrevake
21 Ie naketsako am-bahem-panjàka,
toe am-boa'e soa do'e;
inom-barè ty nifotera'o ho hatae
tsy jefa'e, ho vahe alik'amako?
22 Aa ndra te ihe mikitroñe an-kilìny,
vaho milipotse an-tsavony ao,
mboe komatrao amako o tahi'oo,
hoe t'i Talè, IEHOVÀ.
23 Aa vaho ino ty atao'o ty hoe:
Tsy aman-kila raho, zaho tsy nihitrike
mb'amo Baaleo?
Isao ty sata'o am-bavatane ao,
mahafohina o anoe'oo;

‡ **2:13** Jao 4:10,11, 7:38 § **2:16** Nofe: papin-tantele; ze mitsopatsopake * **2:16** Tak'penkese: fanjiziañe mietake † **2:18** Sikore: Hamainte'e

kiloan-drameva malisa rehe,
manivalativala o lala’eo;
24 tamanam-birike lý zatse am-patrañe ao,
mañantson-tioke am-pañirian-tro’e,
ia ty mahafikalañe i fitongoña’ey?
Tsy ho mokotse ty mipay aze,
ho oni’ iareo amy fivola’ey.
25 Tano o fandia’oo tsy ho afa-kana,
ty tretra’o tsy haran-drano;
fe hoe rehe:
Tsy aman-ko tamaeñe, Aiy!
amy te nikoko ambahiny raho,
le tsy mete tsy heañeko.
26 Hambañe ami’ty hasalara’
ty mpikizo, ie tendreke,
ty hameñara’ ty anjomba’ Israele:
ie naho o mpanjaka’eo, o roandria’eo,
o mpisoro’eo, vaho o mpitoki’eo.
27 Ie manao ami’ty hatae ty hoe:
Raeko rehe, naho ami’ty vato:
Ihe ty niterak’ ahy,
toe nampiatre-boho amako iereo
fa tsy ty laharañe;
fe an-tsa maha am-poheke
ro hanoa’iareo ty hoe:
Miongaha, rombaho zahay.
28 Aia heike o ‘ndrahare tsinene’o
ho azoo? Angao hiongake iereo,
naho mete handrombak’ azo
an-tsan-kankà’o ao;
fa mira ami’ty hamaro’ o rova’oo
ty ndrahare’o, ry Iehodà.
29 Akore t’ie miatreatre ahiko?
Ie fonga nanao hakeo amako,
hoe t’IEHOVÀ.
30 Tsy jefa’e ty nandafàko o ana’ areoo,
ie tsy mete avohotse;
toe nabotsem-pibara’ areo
o mpitoki’areoo,
hoe namotsahan-diona.
31 Ry tariratseo, inao ty tsara’ IEHOVÀ:
Nifatram-bey am’ Israele hao raho?
ndra tane migobon-kaiem-bey?
Ino ty atao’ ondatikoo ty hoe:
Votsotse zahay; tsy homb’ama’o ka?
32 Handikofa’ ty somondrara hao
o rava’eo, ndra ty enga-vao o saro’eo?
Fe haliño’ ondatikoo
andro tsy fotofoto raho.
33 Ino ty ihamina’o
ty lalam-pipaia’o koko?
Toe nanare’o amo sata-rati’oo ka

o kalalijakeo.
34 Mbore oniñe an-jipo'o ao
ty liom-piai' o rarake vañoñeo;
tsy nirendre'o t'ie niboroboñake ama'o;
ie amy hoe rezay 35 manao ty hoe:
Zaho tsy aman-kakeo;
fa mitolik' amako ty haviñera'e—
ingo mikai-jaka amako rehe
ami'ty atao'o ty hoe:
Tsy aman-tahin-draho.
36 Ie mikanifokanifoke avao
ami'ty fiovà'o lalañe;
Toe ho salare' i Mitsraime ka
manahake ty hameñara'o amy Asore.
37 Boak' atoy ty hiakara'o,
taña-mitan-doha;
fa napo' IEHOVÀ o niatoa'oo,
vaho tsy hiraorao am' iereo rehe.

# 3

1 Saontsieñe te, ie mitsey valy t'indaty naho mifanarak' ama'e i rakembay,
naho engae' t'indaty ila'e,
ho mete hao te himpolie'e i valoha'ey?
Tsy haniva i taney hao?
F'ihe nanao hakarapiloañe ami'ty
mpikoko maro,
mbore te himpoly amako!
hoe t'IEHOVÀ.
2 Ampiandrao mb'an-kaboañe liolio ey
o fihaino'oo le mahaisaha:
Aia rehe te tsy niolorañe?
Nitoboke añ'olon-dalañe eo nitsinginiotse am'iareo,
manahake ty Arabe* am-babangoañe añe;
vaho nandeora'o amy hatsimirira'o
naho ami'ty haloloa'o i taney.
3 Toly ndra nahànkañe i orañey,
naho tsy nahavy ora-mamaratse;
toe nanao laharan-kalalijake rehe,
mifoneñe tsy ho salatse.
4 Aa tsy nitoreova'o aniany
ami'ty hoe: Ry Aba,
Nirañeko Rehe te zaho nitora'e.
5 Ho tana'e nainai'e hao ty kabo'e?
ifahara'e pak'an-kamodoañe añe hao?
Inay ty saontsi'o,
fe nitoloñe'o raha raty
vaho i nipaia'oy avao ty norihe'o.
6 Le hoe t'IEHOVÀ amako
tañ'andro Iosià, mpanjaka: Niisa'o hao
i nanoe' Israele mpidisa-voliy?

* **3:2** Arabe: hariva; liolio; kòake

Songa vinonje’e ze vohitse abo
naho ambane’ ze hatae mandrevake,
vaho nanao hakarapiloañe ao.
7 Le hoe raho, Ie fonga nanoe’e,
le himpoly amako; f’ie tsy nimpoly,
vaho nahatrea zay ka t’Iehodà
rahavave’e mpahay fañahy.
8 Le nitreako te ndra t’ie tsineiko reke-takelam-pisarahañe ty amo fonga fañarapiloa’
Israele mpidisa-volio,
le tsy nañembañe Iehodà,
rahavave’e mpiolay zay;
ie nimb’eo nañarapilo ka.
9 Ty amy fitsihelatsihela’ i reñeley,
fonga nileore’e i taney,
vaho niolora’e ze hatae naho vato;
10 Ie amy zay, mboe tsy nimpoly
amako ami’ty haliforan’arofo’e
i rahavave’e Iehodà mpamañahiy
fa an-kalitake avao, hoe t’Iehovà—
11 Le hoe t’Iehovà amako,
Niventè’ Israele mpidisa-voliy te
mbe ambone’ Iehodà
mpamañahiy ty havañona’e.
12 Akia, tseizo mañavaratse o tsara
zao ami’ty hoe:
Mimpolia ry Israele mpidisa-volio,
hoe t’Iehovà;
Tsy hibosehako, fa hitretrezako,
hoe t’Iehovà,
tsy ho tanako nainai’e ty farahiko.
13 Iantofo avao o hakeo’oo, o nandilara’o
am’ Iehovà Andriananañahare’oo,
ie naboele’o amy ze hene ambahiny ambane’ ze hatae mandrevake o sata’o,
naho tsy nihaoñe’o ty feoko,
hoe t’Iehovà.
14 Mimpolia ry anake mpidisa-volio,
hoe t’Iehovà;
fa Tañanjomba’areo raho,
naho hengaeko boak’an-drova ao
ty raik’ ama’ areo,
ty roe boak’ am-pifokoañ’ ao†,
vaho haseseko mb’e Tsione‡ mb’eo;
15 Le ho tolorako mpiarake
milahatse ami’ty troko,
hamahana’e hilala naho hihitse.
16 Ho tondroke t’ie nanaranake vaho
nanitsike i taney
amo andro añeo, hoe t’Iehovà,
te tsy hanao ty hoe ka iereo:
Ty vatam-pañina’ Iehovà;
tsy ho tendreke an-tsaiñe;

† 3:14 Isa 27:12 ‡ 3:14 Fampitiahiañe natroatse

tsy ho saontsieñe;
tsy ho tiliheñe; vaho
tsy hanoeñe ka.
17 Amy andro zay, hatao' iareo ty hoe
fiambesa' IEHOVÀ t'Ierosalaime;
le kila fifeheañe ty hifanontone
mb'amy tahina' IEHOVÀy
mb'e Ierosalaime mb'eo;
vaho tsy hañaveloa' iareo ka
i fanjeharan-tron-kaloloañey.
18 Hiharo-lia ami'ty anjomba' Israele
ty anjomba' Iehodà amy andro zay,
vaho hindre lia boak' an-tane
avaratse añe pak' amy tane
natoloko an-droae' areo ho lovay.
19 Le hoe raho:
Akore t'ie havotrako amo anakoo,
naho hatoloko tane soa,
ty lova loho fanjaka amo fifeheañeo?
Le ho tokave'oo ty hoe: Raeko, raho,
vaho tsy hivike ami'ty fañorihañe ahy.
20 Toe manahake ty rakemba misita-baly am-pamañahiañe ty namañahia'o ahy,
ry anjomba' Israele!
hoe t'IEHOVÀ.
21 Inay ty fiarañanañañe boak'
an-kaboañe maliolio eñe,
ty fangoihoia' o ana' Israele misolohoo,
amy te nimengohe' iereo ty lala' iareoy,
nandikofa' iereo t'IEHOVÀ
Andrianañahare' iareo:
22 Mimpolia ry anake manjehatseo,
le ho jangañeko ty fanjehara' areo.
Itoan-jahay mb'ama'o,
amy te Ihe ro IEHOVÀ Andrianañahare'ay.
23 Toe sahàtse avao o vohitseo,
o fifandragaragàñe an-kaboañeo.
Toe am' IEHOVÀ Andrianañahe'ay
ty fandrombahañe Israele.
24 Fa nabea' i hameñarañey mifototse ami'ty nahatora anay
o raha nitoloñan-droae'aio,
o lia-rai'eo, o mpirai-tro'eo, naho
o ana-dahi'eo vaho o anak'ampela'eo.
25 Antao hibabok' an-keñatse,
hisaron-tsalatse;
fa nanao hakeo am' IEHOVÀ
Andrianañaharentika tika naho
o raentikañeo, boak' ami'ty
naha-ajaja antika pake henane,
vaho tsy norihentika ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañaharentika.

# 4

1 Ie mimpoly rehe, ry Israele,

hoe t'IEHOVÀ,
le mimpolia amako,
naho asitaho añ'atrefako eo
o raha tìva'oo, vaho ko mitroetroe,
2 naho ifanta'o ty hoe:
Amy te veloñe t'IEHOVÀ!
ami'ty fahiti'e naho ty hatò'e
naho ty havañonañe,
le ie ty hifampitata' o fifeheañeo
vaho hifampirengea' iareo.
3 Fa hoe t'IEHOVÀ am'ondati' Iehodào
naho am' Ierosalaime:
Trabatrabàho o moka' areoo,
vaho ko mitongy amo fatikeo.
4 Misavara ho am' IEHOVÀ,
afaho ty ofoke añ'arofo' areo ao,
ry ondati' Iehodào naho mpimoneñe
e Ierosalaimeo, tsy mone
hionjom-beo hoe afo ty habosehako,
hisolebatse tsy mete vonoeñe,
ami'ty hatsivokara' o sata'areoo.
5 Kaikaiho e Iehodà ao,
naho tseizo e Ierosalaime ao, ty hoe:
Popòho amy taney ao ty antsiva;
mifanontona,
antao himoake amo rova fatratseo!
6 Atroaro mb'e Tsione ty viloñe,
mipalira, ko mihenekeneke, fa minday
hekoheko boak' avaratse añe raho,
naho fandrotsahañe jabajaba.
7 Fa niakatse an-drongoñe ao ty liona,
fa nionjoñe i mpandrotsake fifeheañey,
fa niavotse an-toe'e ao
hampangoakoake ty tane'o,
ho harakarake avao o rova'oo,
tsy ho amam-pimoneñe.
8 Ie amy zay, misikina gony, miroveta,
vaho mangololoiha: Fa mboe
tsy nivike aman-tika ty haviñera'IEHOVÀ.
9 Amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ,
te hilesa ty fahavania' i mpanjakay
naho o roandriañeo;
ho latsa o mpisoroñeo vaho
ho veren-draha o mpitokio.
10 Aa le hoe raho, Ry Talè, IEHOVÀ,
akore te nifañahie'o ondaty retoa
naho Ierosalaime, amy ty hoe:
Hanintsiñe nahareo,
ie fa totofem-pibara ty fiaiñe!
11 Ie amy zay ho taroñeñe am'ondaty
retoa naho am' Ierosalaime ty hoe:
Ho hirik' ankaboa' i liolio am-patrambeiy ty tioke mihoboboke

mb’amo anak’ ampela’ ondatikoo,
tsy t’ie hanonga ndra hañororoke—
12 tioke lombolombo izay ty homb’eo
boak’ amako;
fa hivolañako zaka henaneo.
13 Heheke! Mionjoñe hoe rahon-dre,
o sarete’eo hoe tangololahy;
masika ta ty vantio o soavala’eo—
feh’ohatse tika! fa mianto!
14 Ry Ierosalaime, sasao añ’arofo’o ao
o haloloañeo soa te ho rombaheñe,
pak’ombia te mbe himoneñe ama’o
ao o fikililia’o ratio?
15 Inao, mikoike boak’e Dane* añe
ty fiarañanañañe; vaho mitsey hankàñe
ty boak’ am-bohi’ Efraime añe.
16 Talilio o fifeheañeo, henaneo!
ikoiho am’Ierosalaime;
hirike tsietoitane añe o mpañarikatokeo
hipoña-peo amo rova’ Iehodào.
17 Fa niarikoboña’ iareo manahake
o mpivoñon-tondao, amy t’ie niola
amako, hoe t’Iehovà.
18 O sata’oo naho o fitoloña’oo
ty naneseañe o raha zao;
hankàñe ama’o; akore ty hafai’e!
kanao mahatakatse ty arofo’o.
19 Ty añ’ovako, ty añ’ovako!
ty haloviloviako!
Hete! Ty troko! Ty troko!
Midebodebo amako ao;
zaho tsy mahafitsiñe;
amy te ihe, fiaiko, ty nahatsanoñe
i fipopòn’ antsivay, i kaik’ aliy.
20 Vinonje’ ty hekoheko ty hankàñe,
fonga nimongoreñe i taney;
rotsake ami’ty manao zao
o kibohokoo,
ami’ty tsi-maemae-laletse
o rindrin-kivohokoo.
21 Ampara’ te ombia ty mbe
hahatreavako i viloñey,
ty hahatsanoñako ty feo i antsivay?
22 Toe dereñe ondatikoo,
tsy mahafohiñe ahy;
ajaja minè, tsy mahilala.
Kante an-katsivokarañe,
ie tsy mahay manao soa.
23 Nenteako ty tane toy
t'ie nihoake tsy amam-bintañe,
vaho mb’ andikeramb’eo

* **4:15** Dan: Zaka; ty Mpizaka

fe nipo-kazavàñe ty ey.
24 Nenteako o vohitseo le nizoeko
te niezeñezeñe,
vaho fonga nivembèñe o haboañeo.
25 Nenteako le hehe t'ie tsy ama' ondaty,
leo raike,
vaho hene niborofotse o voron-tiokeo.
26 Nenteako,
le ingo te paimpaiñe
i tane ni-kobokaray,
fonga narotsake añatrefa' IEHOVÀ o rovao,
aolo' ty haviñera'e miforoforo.
27 Fa hoe t'IEHOVÀ:
Ho koake iaby i taney
fe tsy ho fonga mongoreko.
28 Handala' ty tane toy,
naho haieñe o likerañe eñeo;
ty amo volakoo;
naereñereko, le tsy hiheve,
vaho tsy hibalihako.
29 Songa mivoratsake ty lay
o rovao ami'ty fikoraha' o mpiningi-
tsoavalao naho o mpitàm-paleo,
iziliha' iareo ty matahetse;
anganiha' iareo o vatovatoeñeo;
nengañe hoake iaby o rovao,
leo ondaty raike tsy mimoneñe ao.
30 Le ihe tinavañey,
Ino ty atao'o kanao
misiki-mena mañabasà,
naho miravake bange volamena,
vaho ampiboenare'o loko o maso'oo?
Tsy vente ty ihamina'o vatañe,
songa malaiñe azo o sipa'oo,
toe hañè-doza ama'o.
31 Fa nahatsanoñe hoe fikoiahan' ampela mitsongo raho,
ty fanaintaiña' i misamake
i tañoloñolo'eiy,
ty fikoiaha' ty ana' i Tsione misehaseha,
mañiti-tañampolo manao ty hoe:
Hankàñe amako!
Mitoirañe añatrefa' o mpamonoo
ty fiaiko!

# 5

1 Mikariokarioha amo lala' Ierosalaimeo,
mijilojilova vaho mahaoniña!
Tsikaraho o kiririsa'eo
ke hahaisake ondaty
manao ty hahiti'e, mipay ty hatò—
le hiheveako.
2 Ndra te manao ty hoe,

Amy te veloñe t'IEHOVÀ;
manao fanta vilañe re.
3 Ry IEHOVÀ, tsy mitsoeke ty hatò
hao o fihaino'oo?
Linafa'o iereo f'ie tsy nalorè;
nimongore'o fe tsy mete avohotse;
nanoe' iareo gañe ta ty vato
o tarehe' iareoo;
mifoneñe tsy hisoloho.
4 Le hoe raho, rarake avao iereo, gege;
tsy fohi' iareo ty lala' IEHOVÀ,
o lilin' Andrianañahare' iareoo.
5 Homb'amo roandriañeo arè raho,
tsy mete tsy rendre' iereo
o sata' IEHOVÀo,
o lilin' Andrianañahare' iareoo.
F'ie songa nampipozake i jokay,
nandrafarafake o talirandrañeo.
6 Toly ndra hampibaibay iareo
o liona boak' añ'alao,
hanjaman' iareo ty maràmbolo
boak' an-dratraratra ao.
Mijilojilo o rova'eo ty farasi-lahi'e;
ie mandrimidrimitse ze miakatse
—amy ty hamaro' o fiolà' iareoo,
fa losotse ty fidisa-voli' iareo.
7 Aa vaho akore ty hiheveako azo?
Fa nieng'ahy o ana'oo
naho nifanta amo ndrahare tsie'eo;
ie nampianjañeko,
le nifandrañaotse, vaho nikovovoke
mb'añ' akiban-tsimiriram-beo.
8 Soavala lahi'e mpilelalela iereo, songa mitreñe amy tañanjomban-drañe'ey.
9 Tsy ho lafaeko hao? Hoe t'IEHOVÀ;
tsy hondroheko hao
ty fifeheañe manahake zao?
10 Soroho o tondam-bahe'eo le fongoro,
fe anisao;
holiro o tsampa'eo amy te tsy a' IEHOVÀ.
11 Toe songa nitsambolitiok' ahy
ty anjomba' Israele
naho ty anjomba' Iehodà, hoe t'IEHOVÀ;
12 nanoe'e entam-bande t'IEHOVÀ,
ami'ty hoe: Tsy Ie;
tsy hiambotraha' ty raty tika,
vaho tsy hizò fibara ndra kerè.
13 Kafoake avao o mpitokio,
tsy am' iareo i tsaray;
aa le zay ty hanoañe iareo.
14 Hoe t'IEHOVÀ
Andrianañahare' i màroy:
Kanao sinao' areo i entañe zay,

le hanoeko afo am-palie'o ao o volakoo,
naho hatae ondaty retoañe,
hamorototoeko iareo.
15 Hampiambotraheko ama'o ty
fifeheañe boake tsietoitane añe,
ry anjomba' Israele, hoe t'IEHOVÀ.
Fifeheañe lava havelo, fifelehañe haehae,
tane aman-tsaontsy tsy fohi'o,
vaho tsy hapota'o ze taroñe'e.
16 Hoe kibory misokake
ty trañon-ana-pale' iareo,
songa fanalolahy.
17 Habotse' iareo ty nivokare'o
naho ty mahakama'o;
hagedra' iareo o ana-dahi'oo
naho o anak'ampela'oo;
ho kamae' iareo o lia-rai'oo
naho o mpirai-tro'oo:
ho genohe' iareo o vahe'oo
naho o sakoa'oo;
ho demohe' iareo am-pibara
o rova fatratse iatoa'oo.
18 Fa ndra amy andro rezay, hoe t'IEHOVÀ,
tsy ho fonga mongoreko.
19 Aa ie manao ty hoe iereo:
Ino ty nanoe'IEHOVÀ Andrianañahare-tika
amantika i hene raha zay?
le hoe ty havale'o:
Hambañ'amy namorintseña' areo Ahiy, naho nitoroñe
'ndrahare ila'e an-tane' areo ao,
t'ie hitoroñe ambahiny
an-tane tsy anahareo.
20 Koiho añ'anjomba' Iakobe naho tseizo e Iehodà ao ty hoe:
21 Janjiño zao ry ondaty gege,
tsy mahilalao;
amam-pihaino fe tsy mahaoniñe,
aman-dravembia f'ie tsy mahajanjiñe.
22 Tsy mañeveñe amako hao nahareo?
hoe t'IEHOVÀ;
Tsy mihondrahondra añatrefako etoa
hao nahareo?
Napoko ho fañefetse amy riakey
i faseñey,
ho sebañe nainai'e tsy hisorohañe;
aa ndra te mitoabotse o onja'eo
tsy hahafitroatse,
ndra te mitroñe tsy haha-fitsaka aze.
23 F'ie manjehatse naho miola
ty arofo'ondaty retoa,
miveve vaho mienga.
24 Tsy anoe' iereo añ'arofo ao ty hoe:

Antao hañeveñe am' IEHOVÀ
Andrianañaharentika,
ie mampahavy orañe an-tsa'e,
i orañ'asotriy naho i oram-panjakay
vaho tana'e ho antika
o hereñandro namantañeñe ho
fitatahañeo.
25 Fa nampihake irezay o hakeo'oo,
le nampisitake ty hasoa ama'o o tahi'oo.
26 Toe zoeñe am'ondatikoo o lo-tserekeo,
mijilo hoe mpitsepa-boroñe
le mikopete; mampibitsoke fandri-bo; mamandrike ondaty.
27 Manahake ty kipa pea voroñe,
o kivoho' iareo lipo-kiniao;
aa le nitoabotse ty enge
naho ty vara' iareo.
28 Vondrake naho sometsetse,
mitombo am-pikitrohan-draty,
tsy zakae' iereo ami'ty hatò
ty enta' i bodey hampiraorao aze,
vaho tsy arova' iareo ty zo' o rarakeo.
29 Tsy ho liloveko hao iereo? hoe t'IEHOVÀ,
tsy ho valeko fate hao
ty fifeheañe manahake itone?
30 Raha mahavereñe naho haloloañe
ty nifetsake amy taney:
31 mitoky vilañe o mpitokio,
vaho mañorike o mpitokio
ty fifehea' o mpisoroñeo;
zay ty tea' ondatikoo,
fa ino ty hanoe'areo am-pigadoña'e?

# 6

1 Mipitsiha mb'am-pipalirañe mb'eo
ry ana' i Beniamineo,
boak' an-teñateña' Ierosalaime ao;
popòho e Tekoa* añe i antsivay,
vaho ampitroaro fanairañe
e Bete-hak'kereme† eñe;
fa hirik' avaratse ty hankàñe,
ty fandrotsahañe jabajaba.
2 I soa vintañe naho malemey,
i anak'ampela' i Tsioney ro haitoako.
3 Hivotrak' ama'e o mpiarakeo
rekets' o lia-rai'eo,
hampitroatse fiarikatohañe
ami'ty kivoho' iareo, le songa hiandrazañe an-toe'e.
4 Ihentseño aly;
miongaha hanameantika aze
an-tsingilingiliñeñe.

* 6:1 Tekoa: Antsiva mietake † 6:1 Bete-hak'kereme: kivoho an-tanem-bahy

Feh’ ohatse amantika, fa miroñe i àndroy,
mihalava o talinjon-karivao!
5 Miavota hanamean-tika haleñe,
handrotsahantika o anjomba’eo!
6 Hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy:
Firao o hatae’eo;
atroaro am’Ierosalaime
ty fanongàm-panameañe;
toe rova tsy mete tsy lilovañe,
fa forekeke avao ty ama’e ao.
7 Manahake ty fitana’ o vovoñeo
ty hamamin-drano’e,
ty fitana’e ho veloñe o haloloa’eo;
janjiñeñe ama’e ao ty tazataza
naho ty tsiborohetoke;
añatrefako eo nainai’e
ty hasiloke naho ty fere.
8 Mitaoa ry Ierosalaime,
kera ho alik’amako nahareo,
ie hampangoakoaheko
ho tane tsy amam-pimoneñe.
9 Hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy:
Ho vata’e tsindrohe’iareo ty sisa’ Israele
hambañe amy t’ie vahe;
ozaño am-pita’o indraike i tsampa’ey
manahake ty mpanifo valoboke.
10 Ia ty ho volañeko naho hatahataeko,
hahafijanjiña’ iareo?
Hehe, domoke o ravembia’ iareoo,
tsy mahatsendreñe;
Hete! fañinjeañe am’iereo
ty tsara’ IEHOVÀ,
tsy mahafale’ iareo.
11 Fe lifo’ ty fiforoforo’ IEHOVÀ raho;
mahamokotse ahy ty mitañ’aze;
adoaño amo ajaja an-dalañeo,
naho amo ajalahy mifañosoñeo;
songa ho rambeseñe ie mirovaly,
o zoke’eo rekets’ o androanavio.
12 Ho limbeze’ ty ila’e o anjomba’iareoo,
o tetekeo miharo amo rakemba’ iareoo;
fa hatora-kitsiko amo mpimoneñe
amy taneio ty tañako, hoe t’IEHOVÀ.
13 Songa mitavañe hitomboa’e ty tsitso’e am’iareo
pak’ami’ty loho bey;
fonga mpikatramo ty mpitoky sikal’ami’ty mpisoroñe.
14 Nitaha’ iareo tsidaredare
ty fere’ ondatikoo, ami’ty hoe,
Fañanintsiñe, Fañanintsiñe,
ie tsy eo ty Fanintsiñañe.
15 Toko’e ho nahasalatse iereo
ty hativàñe nanoe’iereo,

f'ie tsy mahay meñatse.
Aa le hikorovoke amo mikorovokeo
amy androm-pandilovañey iereo,
vaho hitsikapy, hoe t'IEHOVÀ.
16 Hoe t'IEHOVÀ: Mijohaña an-dala
mifanivalañe eo le mahaisaha,
mañontanea o oloñoloñe haehaeo,
te aia i lalam-bantañey; vaho añavelò,
hahatendreha' areo fitofan' arofo.
Fa hoe iareo: Zahay tsy homb'eo.
17 Mbore nampitroarako mpijilo,
nanao ty hoe : Haoño ty feo' i antsivay!
Hoe ka iereo: Zahay tsy hañaoñe.
18 Aa le mijanjiña ry fifeheañeo
vaho mahafohina ry valobohòkeo,
ty haseseke am'iareo:
19 Tsanoño ry tane; Inao!
handesako hankàñe ondaty retoa,
ty toli' o fikinià' iareoo,
amy t'ie tsy nañaoñe o volakoo;
mbore nifarie' iareo i Fanoroakoy.
20 Hanoeko inoñe o rame boake Sebao,
naho o fare boake tsietoitaneo?
Tsy noko o enga' oroa' areoo,
tsy mahafale ahy o fisoroña' areoo.
21 Aa le hoe t'IEHOVÀ:
Hehe te mampipoke vato mahatsikapy
aolo' ondaty retoa raho,
hampitsikapy roae reketse keleiañe;
fonga ho mongotse
ty mpimoneñe miharo rañetse.
22 Aa le hoe t'IEHOVÀ:
Heheke, ondaty mangovovoke mb'etoy
boak'an-tane avaratseo,
fifeheañe jabajaba ty hahetseketseke
boake tsietoimoneñe añe.
23 Vontitire' iareo ty fale naho ty lefoñe,
masiake iereo, tsy miferenay,
manahake ty fitroña' i riakey
ty fikoraha' iareo;
naho miningitse soavala,
miriritse hoe lahin-defo miatrek'aly,
ama'o ry anak' ampela' i Tsione!
24 Ie nitsanoña'ay talily,
dredra'e o taña'aio;
mamihiñe anay ty lovilovy,
ty haorean-drakemba mitsongo.
25 Ko miakatse mb'an-tetek' ao,
ko mañavelo an-damoke eo;
amy te mampiboele harevendreveñañe
mb'etia mb'atia ty fibara' i rafelahiy.
26 O ry anak' ampela' ondatiko,

misikìna gony,
vaho milalilalia an-davenoke;
miroveta hoe t'ie bako tokañe,
mandalà añ'aferon'ate,
amy te hivovò amantika i mpandrotsakey.
27 Nanoeko mpañasohaso
naho mpitsòke am'ondatikoo rehe,
hahafohina'o naho hitsikaraha'o o sata'eo.
28 Fonga mpiola manjehatse iereo,
mb'eo mb'eo mamokafoka avao;
torisìke naho viñe, songa tsivokatse.
29 Mitioke mafe o famoforañeo,
forototoe' ty afo i firakey,
tsy lefe ty fitoloñam-pitranahañe,
amy te tsy mete ho faoheñe ama'e
o halò-tserehañeo.
30 Atao ty hoe taim-bolafoty iereo,
amy te naforintse' IEHOVÀ.

# 7

1 Ty tsara nahitri' IEHOVÀ am' Iirmeà,
manao ty hoe:
2 Mijohaña an-dalambein'
Anjomba' IEHOVÀ eo,
le koiho ty entañe toy, ami'ty hoe:
Mijanjiña ty tsara' IEHOVÀ
ry Iehodà iabio,
o mimoak' amo lalam-bey retoio
hitalaho am' IEHOVÀO.
3 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy:
t'i Andriananañahare' Israele,
ahitio o lia' areoo
naho o fitoloña' areoo,
le hampimoneñeko an-tane atoy.
4 Ko iantofa' areo ty reha-bande
manao ty hoe:
Ty Anjomba' IEHOVÀ,
ty Anjomba' IEHOVÀ,
ty Anjomba' IEHOVÀ.
5 Eka, naho toe avanta' areo o lala'areoo
naho o fitoloña'areoo;
naho toe manao ty hato
añivo' t'indaty naho i rañe'ey;
6 Naho tsy forekeke' areo ty ambahiny,
ty bode rae, vaho ty vantotse;
le tsy mampiori-dio-màliñe
an-tane atoy,
vaho tsy mañori-drahare ila'e
ho ami'ty fañelohañe anahareo;
7 Le hampimoneñeko an-tane atoy,
ie tane natoloko an-droae'areo ho
nainai'e donia.

8 Fe hehe t’ie miantoke
ty rehan-dremborake tsy manjofake.
9 Mampikametse,
mañoho-doza, mandrañaotse,
manao fanta vilañe,
mibanabana amy Baale,
vaho mañorike ndrahare ila’e
tsy nifohi’ areo!
10 Mbore mb’etoy, mijagarodoñe
añatrefako ami’ty anjomba tokaveñe
amy añarakoy toy, manao ty hoe:
Votsotse zahay, hitoloña’ areo
o hativàñe iabio.
11 Aa vaho lakato’ malaso
am-pahaoniña’ areo hao
ty anjomba tokaveñe ami’ty añarako toy?
Heheke! zaho, eka zaho ty nahatrea,
hoe t’IEHOVÀ.
12 Akia arè, mb’amy ni-toeko
e Silòy*,
i nampimoneñako i añarakoy valoha’ey,
vaho oniño ty nanoako aze
ty amy haloloa’ ondatiko Israeleoy.
13 Ie henane zao,
amy te fonga nanoe’ areo i sata rezay,
hoe t’IEHOVÀ, le nitaroñe,
toe nañaleñale te nivolañe,
fe tsy nañaoñe nahareo,
vaho nitokaveko f’ie tsy nanoiñe.
14 Aa le hanoeko amy anjomba tokaveñe
amy añarakoiy, i fiatoa’ areoy,
i toetse natoloko anahareo
naho an-droae’ areoy,
hambañe amy nanoeko e Siloy.
15 Havokovokoko tsy ho treako nahareo,
hambañe ami’ty nandroahako
o rolongo’ areo iabio,
ze hene tarira’ i Efraime.
16 Aa naho ihe, ko mihalaly
ho a’ ondaty retoañe,
ko añonjonan-koike ndra soloho,
vaho ko manao ondati-aivo amako
fa tsy ho haoñeko.
17 Tsy oni’o hao ty anoe’ iareo
amo rova’ Iehodao
naho amo lala’ Ierosalaimeo?
18 Mangàla-katae o ajajao,
mamiañe afo o rae’eo,
mañajary bokon-koba o rakembao
hamboara’ iareo vonga-mofo
i mpanjaka-ampelan-dikerañey;

* **7:12** Silò: niraheñe; i rovay: fierañerañañe,

vaho añiliña' iareo enga rano
o ndrahare ila'eo,
hampibosek' ahy.
19 Zaho hao o sigihe' iareoo?
Hoe t'IEHOVÀ,
Tsy iereo avao ho ami'ty hasalara'iareo?
20 Aa le hoe t'i Talè, IEHOVÀ:
Inao! Hailiñe ami'ty toetse toy
ty habosehako naho ty fifomboko,
am'ondatio naho amo hareo,
amo hatae ankivokeo
naho ami'ty vokatse an-tane atoy;
ho forototoeñe, tsy lefe akipeke.
21 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
i Andrianañahare' Israeley:
Tovoño amo fisoroña' areoo,
amo enga-koroa' areoo
ty fikama' areo i hena'ey.
22 Fe tsy nivolañeko o roae' areoo
tsy nililieko amy andro
naneseako iareo boak'an-tane
Mitsraime añey
ze o enga oroañeo naho o fisoroñañeo.
23 Fe hoe ty nandiliako iareo,
Haoño ty feoko†
le ho Andrianañahare' areo raho,
naho ho ondatiko nahareo;
vaho añavelò iaby o lalañe
nililiakoo, soa te hiraorao.
24 F'ie tsy nañaoñe iereo,
tsy nanongilan-dravembia,
te mone nañavelo
ami'ty fikililian-tro' iareo,
añ'ereñeren' arofo-lo,
vaho nidisa-voly fa tsy nionjoñe.
25 Boak'amy andro niakaran-droae' areo i Mitsraimey am-para' ty andro toy,
le nañitrike o mpitoroko mpitoky iabio
mb'ama' areo nañaleñaleñe te niraheñe;
26 f'ie tsy nañaoñe ahy,
tsy nanokilan-dravembia,
toe nampigàn-kàtoke avao;
maro ty haratiañe nanoe'iereo
te aman-droae'iareo.
27 Hene saontsio am'iareo o entañe zao,
f'ie tsy hijanjiñ'azo;
ho koihe'o, f'ie tsy hanoiñe azo.
28 Hanoa'o ty hoe :
Itoy ty fifeheañe tsy nañorike
ty fiarañanaña' IEHOVÀ
Andrianañahare' iareo,
tsy nañaom-panoroañe;

---

† **7:23** Fot 26:5, Avo 19:5, Jao 3:36, Rom 6:16, Heb 4:11, 5:9, Ben 22:14

modo ty hatò, naito am-pivimbi'iareo.
29 Hitsifo o maroi'oo, naho ahifiho añe;
añonjono an-kaboañe
maliolio ey ty fandalañe,
fa nifarie' IEHOVÀ vaho naforintse'e
ty tariratse nampiforoforo azey.
30 Fa nanao raty am-pahatreavako
o ana' Iehodao, hoe t'IEHOVÀ;
napo'iareo añ'anjomba kanjieñe
amy añarakoy
o raha tiva' iareoo, handeots' aze.
31 Mbore rinanji' iareo o tamboho'
i Topete‡ am-bavatanen'ana' i Hinomeo§, hañoroañ' añ'afo ao
o ana-dahi' iareoo
naho o anak' ampela' iareoo—
ie tsy nililieko, tsy naereñèreko.
32 Aa le ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ,
t'ie tsy hanoeñe Topete ka,
tsy ho vavatanen'ana' i Hinome,
fa ty vavatanem-panjamanañe,
amy te handeveñe e Topete ao iereo
am-para' te tsy aman-toetse.
33 Ho fihina' o voron-tiokeo
naho o bibi' ty tane toio ty lolo'
ondaty retoa;
vaho tsy eo ty handroake iareo.
34 Hajiheko amo rova' Iehodao
naho amo lala' Ierosalaimeo
ty feon-kafaleañe naho ty feom-pirebehañe,
ty feom-pañenga naho ty feon' engavao,
fa ho kòake i taney.

# 8

1 Amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ,
le hakare' iareo boak'an-kibori'e ao
ty taola' o mpanjaka' Iehodào, naho
ty taola' o roandria'eo, naho
ty taola' o mpitokio, naho
ty taola' o mpisoroñeo, naho
ty taola' o mpimone' Ierosalaimeo,
2 ie havarakaike añatrefa' i àndroy
naho i volañey
vaho i valobohòn-dikerañe nitea' iareo
naho nitoroñe' iereo
naho norihe' iereo
naho nitsoehe' iereo
vaho nitalahoa' iareo;
tsy hahoroñe tsy haleveñe,
fa hadoñe ho forompotse
ambone' tane eo.

---

‡ **7:31** Topete: langoro; fifoterañe § **7:31** Hinome: Ingo ie; vara'e; fangolololoihañe

3 Ho joboñe' o romoromom-pokom-patse honka'e
amo tane nandroahako iareo iabioo
ty fivetrahañe aolo' ty fivelomañe,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
4 Tovoño am' iereo ka ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ:
Tsy hitroatse hao ty mikorovoke?
Tsy himpoly hao ty mibotriatse?
5 Inoñ'arè ty nampivio' ondati' Ierosalaime retoa t'ie nainai'e am-pitsileañ' añe?
vontitire' iereo ty fitake,
mifoneñe tsy himpoly.
6 Nitsendreñe raho, nahatsanoñe
t'ie tsy nisaontsy ty hato,
leo raik' am'ondatio tsy misoloho
manao ty hoe: Ino o nanoekoo?
Songa mivio am-pombà'e mb'eo,
manahake ty soavala mirefe aly.
7 Eka apota' ty sama andikerañ' eñe
o famantaña'eo;
ambena' ty ongongo naho ty foly
vaho ty tsiriry o fiampaneña'eo,
fe tsy fohi' ondatikoo ty lili' IEHOVÀ.
8 Akore te atao' areo :
Mahihitse zahay,
vaho aman-tika ty Hà' IEHOVÀ?
Fe hehe te nanoe' i fanoki-bìla'
o mpanoki-dilioy fandañitse.
9 Nisalareñe o mahihitseo,
lonjetse iereo vaho tsinepake:
nifarie' iereo ty tsara' IEHOVÀ;
inoñ'arè ze o hihitse am' iereo zao?
10 Aa le hatoloko am'ty ila'e
o tañanjomba'iareoo,
naho amo mpitavañeo o tete'iareoo;
amy te songa matiti-mena,
ty kede naho ty bey;
sindre mpikatramo
ty mpitoky pak'am-pisoroñe.
11 Loho maivañe ty nanindria' iareo
ty rare' i anak' ampela' ondatikoy
ami'ty hoe: Fañanintsiñe, Fañanintsiñe;
aia ze o fanintsiñañe zao?
12 Nimeñatse hao iereo te niota-faly?
Aiy avao! tsy nahasalatse iareo,
vaho tsy mahay minanake;
aa le hikorovoke amo mikorovokeo
naho hafetsake ambane
amy andro fitilihañe iareoy, hoe t'IEHOVÀ.
13 Toe ho mongoreko hoe t'IEHOVÀ:
Ho po-balòboke o vaheo,
tsy ho amam-boa o sakoañeo,
naho hiheatse o rave'eo,
vaho hihelañe añe o nitolorakoo.

14 Ino ty andrarean-tika toboke?
Mifanontona,
antao hizilik' amo rova fatratseo
naho hianjiñe ao;
fa nampianjiñe antika t'IEHOVÀ Andriananañaharentika,
vaho nanjotsoa'e ranon-afero
ho fikamañe, amy te nanao
hakeo am' IEHOVÀ tika.
15 Nipay fierañerañañe tika
fe tsy nanjo hasoa;
naho andro fijangananañe,
fe hehe t'ie hebahebake!
16 Janjiñeñe boake Dane
ty fikofòn-tsoavala;
manginikinike iaby i taney
ami'ty kofò' o soavala lahi'eo;
amy t'ie pok' eo mampibotseke
i taney naho ty halifora'e;
ty rova naho o mpimone'eo.
17 Le ingo, hañirahako mereñe,
toe fandrefeala tsy mete avere,
hañehetse anahareo, hoe t'IEHOVÀ.
18 Tsy lefe melañeñe ty halendeñako! mitoirañe amako ao ty troko.
19 Inao ty feon-kaikai' o anak' ampela' ondatikoo boak' an-tsietoitane añe,
tsy e Tsione ao hao t'IEHOVÀ?
Tsy ama'e ao hao i Mpanjaka'ey?
Ino ty nampiboseha'iareo ahy
amo sare-soki' iareoo,
naho amo samposampon' ambahinio?
20 Añe i fitatahañey, modo i asaray,
fe tsy voa-rombake tika.
21 Mangirifiry ami'ty fangirifiria' o anak' ampela' ondatikoo raho;
miharovetse; fosatse;
mamihiñe ahy ty haemberañe.
22 Tsy aman-kosotse hao ty Gilade*?
Po-panaha hao ty ao?
Inoñ' arè ty tsy nahatotòtse
ty fijangana' i anak' ampela'ondatikoy?
23 Ee t'ie ni-rano ty lohako,
naho niganaganake o masokoo,
hirovetako handro an-kaleñe
o nizamaneñe
amy anak' ampela' ondatikoy.

# 9

1 Ee te tam-babangoañe añe raho,
an-kialo' o mpandroakeo,
hisitahako ondatikoo,
hihankañako lavitse!
Fa songa mpandrañaotse

* **8:22** Gilade: votrin-talily; bokobokon-taroñe

firimboñam-pamañahy.
2 Ampibitsohe’ iereo o famele’eo,
ie ty falem-pandañira’iareo;
maozatse amy tane’ey iareo,
fe tsy ami’ty hatò;
boak’an-draty mb’an-katsivokarañe;
alik’am’ iereo raho, hoe t’IEHOVÀ.
3 Mifampitaoa ry mpitrao-tanàñeo
naho ko miato rahalahy;
fa songa kalitake ty mpilongo,
vaho sindre mifañosoñe amo mpidramotseo o rañetseo.
4 Sambe mifamañahy o mpirai-moneñeo,
tsy mivolan-to,
nanare’ iereo handañitse o famele’ iareoo; mamoza-batañe ami’ty fikitrohan-draty.
5 Añivom-pamañahiañe ao ty akiba’o;
ifoneña’ iareo o fikatramoañeo
tsy hañaoñe ahy, hoe t’IEHOVÀ.
6 Aa le hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy:
Ho tranaheko iereo,
ho tsoheko iereo;
fa ino ka ty ho nanoeko,
amy anak’ampela’ ondatikoy.
7 Ana-pale mamono ty famele’ iareo,
mivola-pitake;
saontsiem-palie’e filongoañe ty mpiama’e, fe ikinia’e an-troke ao.
8 Tsy ho liloveko hao iereo ty amy rezay?
hoe t’IEHOVÀ;
tsy ho valèko fate hao
ty fifelehañe manahak’ itoañe?
9 Hirovetako naho hangololoihako
o vohitseo,
naho handalàko o fiandrazañe
am-patrambeio,
fa napoke ho tomontoñe,
tsy iranga’ ondaty;
tsy ahatsanoñam-pimàn’ añombe;
songa niborofotse añe o voron-dikerañeo naho o bibio, nibioñe.
10 Hanoeko votrem-porompotse t’Ierosalaime, lakatom-panaloke;
vaho hampangoakoaheko
o rova’ Iehodào ho po-pimoneñe.
11 Ia ty mahihitse haharendreke zao?
Ia ty nitsaram-palie’ IEHOVÀ, hitalilia’e? Ino ty nampangoakoake i taney
ho ratraratra tsy firangàñe?
12 Le hoe t’IEHOVÀ :
Amy t’ie nifary i Hàke
napoko aolo’ iereoy,
naho tsy nañaoñe ty feoko*,
vaho tsy nañavelo ama’e;
13 te mone nitsontike
ami’ty hagàñ’ arofo’ iareo,

* 9:12 Iir 7:23

naho amo Baaleo,
i nañanaran-droae’ iareoy;
14 aa le hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy,
i Andrianañahare’ Israeley:
Ingo hanjotsoako vahontsoy ondaty retoañe,
vaho hampinomeko ranon’ afero.
15 Habaratsàko amo fifeheañeo iereo,
amo tsy nifohi’ iareo naho o rae’ iareoo;
vaho hampañoridañeko fibara,
ampara’ te mongoreko.
16 Hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy: Tsakoreo,
koiho o rakemba mpandalao, homb’atoy; ampañitrifo o rakemba mahafibekoo,
hiheo mb’etoa;
17 Itaentaeño hangoihoy ho antika
higanaganaha’ o fihainon-tikañeo,
vaho hikararahan-drano
o holi-mason-tikañeo.
18 Fa janjiñe e Tsione ao
ty feom-pirovetañe:
Hete! rotsake tika!
Vata’e salatse, fa nienga i taney tika,
fa narobake o akiban-tikañeo.
19 Ehe, janjiño ty tsara’ IEHOVÀ
ry rakembao,
le ampitsendreño o ravembia’ areoo
ty tsaram-palie’e:
Songa anaro fangololoihañe
o anak’ ampela’eo,
vaho fiojeañe o mpiama’eo.
20 Fa nizilik’ amo lafinetio ty havilasy,
nimoak’ añ’anjomban-tikañ’ao,
ho zamane’e an-dalañe eo
o anan-tikañeo,
naho an-kiririsa ao o ajalahio.
21 Isaontsio: Hoe t’IEHOVÀ—
Hiforetrake hoe taik-ombe amontoñe ey
ty lolo’ ondatio,
naho manahake ty voton-tsako
nipoke boak’an-taña’ i mpanatakey,
vaho tsy eo ty hanontoñe.
22 Hoe t’IEHOVÀ:
Ee te tsy hirenge ami’ty hihi’e
ty mahihitse,
naho tsy hisenge ty haozara’e
ty maozatse,
vaho tsy hiebotsebotse ami’ty vara’e
ty mpañaleale.
23 F’ie zao ty hirengea’ ty mpirenge:
t’ie maharendreke naho mahafohiñ’ ahiko, te Zaho IEHOVÀ,
Mpanolots’ arofo naho ty hato,
vaho ty havantañañe an-tane atoy;
fa irezay ty teako, hoe t’IEHOVÀ.

24 Ingo, ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ, te ho fonga liloveko
o sinavatse mboe tsy sinavatseo.
25 I Mitsraime naho Iehodà,
naho i Edome, naho o ana' i Amoneo naho i Moabe†,
vaho ze hene mpimoneñe am-patrambey añe mpañitsike ty maròy
añ'ilam-panda'e eo;
fa songa tsy sinavatse o fifeheañeo,
sindre tsy sinavatse añ'arofo ao
ty anjomba' Israele.

# 10

1 Inao ty entañe tsarae' IEHOVÀ
ama' areo ry anjomba' Israeleo;
2 Hoe t'IEHOVÀ:
Ko mizatse ami'ty sata' o fifeheañeo,
vaho ko hakahaka'areo o vilon-dikerañeo; ndra te ampifimpìñe'e o kilakila' ndatio.
3 Toe kafoak' avao o sata'ondatioo;
amy te hatae finira añ'ala ao
ty fitoloñam-pitàm-pandranjy
am-pekoñe.
4 Ihamina' iareo volafoty naho volamena
ampireketa'iareo fati-biñe
ami'ty ana-bato, tsy hitroetroe.
5 Hoe bodan-katae
najadoñe antetem-bazavo ao,
tsy mivolañe, tsy mete tsy tintineñe
vaho tsy mahay mitsontike.
Ko ihembaña' areo,
fa tsy mete manao raty zay,
vaho tsy ama'e ty manao soa.
6 Tsy eo ty mañirinkiriñ' Azo r'IEHOVÀ
Jabahinake Rehe; vaho mitiotiotse
an-kaozarañe i tahina'oy.
7 Ia ty tsy hañeveñe ama'o,
ry mpanjaka' o fifeheañeo?
Toe mañeva Azo;
fa tsy eo ty mañirinkiriñe Azo amo hene mahihitse amo fifelehañeo
naho amo borizà'iareo iabio.
8 Toe fonga votro mineñe,
ie foto-katae ty fañòhan-kafoa'e;
9 Nendeseñe boake Tarsise* añe,
ty volafoty pinepèke,
naho hirik' Ofaze† añe ty volamena,
ty satam-pitsene naho
satam-pitam-pitolom-bolamena;
manga naho malomàvo ty saro'iareo;
sata' o mahimbañeo.
10 Fe IEHOVÀ ro Andrianañahare to,
Ie t'i Andrianañahare veloñe,

---

† **9:25** Moabe: boak' aman-drae'e * **10:9** Tarsise: fitsakoreañe; fihotsohotsoañe † **10:9** Ofaze: volamena ki'e

naho t’i Mpanjaka nainai’e;
miezeñezeñe ty tane toy,
ami’ty haviñera’e
vaho tsy leo’ o kilakila’ ndatio
ty fifomboa’e.
11 Hoe ty ho saontsie’o am’ iereo:
Ho modo an-tane atoy
naho ambanen-dikerañe ao
o ‘ndrahare tsy namboatse
o likerañeo naho ty tane toio.
12 Ie namboatse ty tane toy
amy haozara’ey,
Ie nampijadoñe ty voatse toy
amy hihi’ey
vaho Ie nandafike o likerañeo
amy faharofoana’ey;
13 I fiarañanaña’ey
le ikoboboahañe o ranon-dikerañeo,
naho mampionjoñe ty evoñe
añ’olo-ty tane toy;
amboara’e ampiñe o orañeo,
vaho ampiakare’e an-driha’e ao i tiokey;
14 Songa tembo ondatio, tsy aman-kilala,
sindre ampisalareñe ty amo samposampon-draha’eo
ty mpitolom-bolamena,
remborake o sare natrana’eo,
tsy aman-kofòke.
15 Kafoake irezay, satam-pamerevere;
hiambotraha’ ty fandrotsahañe
amy androm-pitilihañey.
16 Tsy hoe zay t’i Anjara’ Iakobe;
Ie ty Mpañoreñe ze he’e,
naho kobain-dova’ey t’Israele,
IEHOVÀ’ i Màroy ty tahina’e.
17 Ahoroño amo taneo ty harao’ areo,
ry mpifeake amy arikatokey.
18 Fa hoe t’IEHOVÀ:
Hehe te ho pilereko an-tane atoy
henaneo o mpimone’ i taneio,
le ho fihineko, haharendreha’ iareo.
19 Hankàñe amako ty fanaintaiñako!
Leveleve ty fereko; fe hoe raho:
Toe hasilofeñe toy, tsy mete tsy ifeahako.
20 Rotsake i kivohokoy, tampake iaby o tali’eo;
fonga nienga ahy o anakoo, tsy ao;
tsy eo ka ty handafike i kibohokoy,
naho hampitroatse o efe’eo.
21 Fa votro o mpiarak’añondrio,
tsy nañontane IEHOVÀ;
aa le tsy miraorao,

vaho miparaitak’ añe o añondri’ iareoo‡.
22 Inao ty talily, Hehe te mb’etoa,
ty fikoraham-bey
boak’an-tane avaratse añe,
hampangotomomoke
o rova’ Iehodào,
ho fimoneñam-panaloke.
23 Ry IEHOVÀ,
apotako te tsy am’ ondatio ty fombà’e;
tsy am’ondaty mpañaveloo
ty hanehake o fandia’eo.
24 Endaho raho, ry IEHOVÀ,
le an-katò;
tsy ami’ty filoroloroa’o
hera hampiminjikio’o.
25 Adoaño amo kilakila’ ondaty tsy mahafohiñe Azoo ty haviñera’o,
naho amo fifokoa tsy mikanjy i tahina’oio§;
fa nabotse’ iareo t’Iakobe,
eka vinaza’ iareo naho nagedra’ iareo,
vaho nampangoakoahe’ iareo
i fimoneña’ey.

# 11

1 Ty tsara nivotrak’ am’ Iirmeà,
boak’am’ IEHOVÀ, manao ty hoe:
2 Janjiño ty tsara’ ty fañina toy,
naho mitaroña am’ ondati’ Iehodào,
naho amo mpimone’ Ierosalaimeo;
3 vaho ano ty hoe:
Hoe t’IEHOVÀ,
t’i Andrianañahare’ Israele:
Fatse t’ indaty tsy mañaoñe
o tsara’ ty fañina toio,
4 I nandiliako an-droae’ areo amy andro
nampiengako an-tane Mitsraime
boak’ an-toñam-biy, ami’ty hoe:
Haoño ty feoko*, naho anò
ze hene andiliako; soa te h’ondatiko nahareo,
vaho ho Andrianañahare’ areo raho;
5 hampijadoñeko i fañina natoloko
an-droae’ areoy, homeako iareo ty tane
orikorehen-dronono naho tantele,
ie o henaneo.
Le hoe raho, Amena†, ry IEHOVÀ.
6 Le hoe t’IEHOVÀ amako:
Hene tseizo amo rova’ Iehodào
naho amo lala’ Ierosalaimeo
o tsara zao, ty hoe:
Mijanjiña o tsara’ i fañinaio, vaho ano!
7 Fa hinatahatako soa o roae’ areoo

‡ **10:21** Iir 2:8, 12:10-11, 50:6-7, Iek 34:1-23, Ti II 4:3-4, Pe II 2:1-22 § **10:25** Sab 11:4, Mik 4:5 * **11:4** Oni: Iir 7:23 † **11:5** Amena: Ie zay

amy andro nañakarako iareo
an-tane' Mitsraimey, pak' androany,
boa-maraindray te mitolom-
pitaroñe ama' areo ty hoe:
Haoño ty feoko.
8 F'ie nañajife avao iereo,
tsy nanokilan-dravembia,
songa nitsontike ami'ty
fanjeharan-tro'e raty;
aa le fonga nafetsako am' iereo
o tsara' ty fañina toio,
i nandiliako hanoeñey,
f'ie tsy nipaoke.
9 Le hoe t'IEHOVÀ amako:
Zoeñe am'ondati' Iehodao, naho amo mpimone'Ierosalaimeo ty kinia.
10 Ie nibalike mb'amo hakeon-droae'
iareoo avao,
ami'ty tsy fañaoñañe o volakoo;
vaho nienga hañorike 'ndrahare ila'e hitoroñe iareo;
songa nivalike amy fañina nanoeko
aman-droae'ey
ty anjomba' Israele naho
ty anjomba' Iehodà.
11 Aa le hoe t'IEHOVÀ:
Ingo handesako ty raty
tsy hahafipolioraňe;
aa ndra t'ie hikaikaik' ahy
Zaho tsy hañaoñe.
12 Ie amy zao hiheo mb'eo
o rova' Iehodào
naho o mpimone' Ierosalaimeo
hikoikoike amo 'ndrahare ila'e
fañenga' iareoo;
f'ie toe tsy haharombake
amy san-kasotriañey.
13 Fa mira ami'ty ia' o rova'oo
o 'ndrahare' areoo, ry Iehodà;
vaho mifandrae ami'ty ia' o lalañe
e Ierosalaimeo
o kitrely natroa' areo amy raha tivaio,
o kitrely fisoroña' areo amy Baaleo.
14 Aa le ko mihalaly ho a' ondaty retoa,
naho ko añonjona'o soloho;
fa tsy hitsanon-draho amy andro ikaikaiha' iareo
te malovilovy.
15 Ino ty anoe' i kokoakoy an-kivohoko ao, kanao nanoa'e hakarapiloañe amy màroy?
ie tsy sazo azo i henam-pisoroña'o miavakey?
Amy te mampirebek'azo
ty manao hatsivokarañe.
16 Tinoño' IEHOVÀ ty hoe ty añara'o,
Hatae olive mandrevake,

fanjaka am-boa’e, soa vintañe.
Am-pikorahan-kotakotake
t’ie namiañe afo ama’e,
vaho fonga pinozapozake o tsampa’eo.
17 IEHOVÀ’ i Màroy, i nañetsa azoy
ty namatse hekoheko ama’o,
ty amy hatsivokara’ ty kiboho’ Israeley,
naho ty kivoho’ Iehodày,
ie fa nifetsak’ama’ iareo
ami’ty fanigiha’ iareo ahy
amy fisoroña’ iareo amy Baaley.
18 Tinolo’ IEHOVÀ hilala ama’e raho,
vaho nirendreko;
naboa’o amako ty sata’ iareo.
19 Fe nihoe anak’añondry nitrotrotrotro raho te nitantalieñe mb’eo ho lentañe;
le tsy napotako t’ie nikilily ahy,
ami’ty hoe: Antao hamira i hataey
rekets’ o voa ama’eo;
ie haitoan-tika an-tanen-kaveloñe,
tsy ho tiahy ka ty añara’e.
20 O ry IEHOVÀ’ i Màroy,
ry mpizaka an-katò,
ry mpitsoke ova naho troke,
ehe te ho treako ty hañondroha’o am’ iareo;
Ihe ro niborahako ty toreoko.
21 Aa le hoe t’IEHOVÀ ty am’ondaty nte-
Anatote mipay ty fiai’o, manao ty hoe:
Ko mitoky ami’ty tahina’ IEHOVÀ
tsy mone hivetrak’ am-pità’ay.
22 le hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy:
Toe ho liloveko:
hampikoromahem-pibara’ o ajalahio,
hampivetrahe’ ty kerè o ana-dahy
naho anak’ampela’ iareoo;
23 Toe tsy hapoke sehanga’e,
fa hametsahako hankàñe
amo nte-Anatoteo:
ty taom-pitilihañe iareo.

# 12

1 Vantan-dRehe, ry IEHOVÀ,
ndra te ino ty ho nifandierako,
f’ie mbe te hisafiry ama’o:
Ino ty mampiraorao
ty lala’ o lo-tserekeo?
Akore te hene mierañerañe
o mikitro-draha ratio*.
2 Tinongi’o iereo, eka, le nivahatse;
mitombo, le hehe te mamoa;
ie marine azo am-palie,
fe lavits’azo an-troke.

* **12:1** Sab 73:3

3 Toe arofoana'o raho ry IEHOVÀ,
mahavazohò ahy,
naho mitsoke ty troko ke mb'ama'o;
aveveo hoe añondry ho lentàñe iereo,
avaho ho amy androm-panjamanañey.
4 Ampara' te ombia i taney te handala,
naho o hatae an-kivoke eio te hiheatse?
Fonga nasintak' añe o bibio naho o voroñeo ami'ty hatsivokara'
o mpimoneñeo,
ie manao ty hoe:
Tsy ho vazoho'e ty figadoña'ay.
5 Ihe nitrao-pilay amo mpikovovokeo,
le nahamokotse azo,
aia ty hifandriadriaha'o amo soavalao?
Aa ihe mikorovok' an-tane manintsiñe,
hanoe'o akore te añ'ala-matahetse
e Iordane ao?
6 Ndra o rolongo'oo,
naho ty anjomban-droae'o,
songa namañahy azo ka,
sindre nikorak' ama'o;
ko iantofa'o ndra te anoe'e
saontsy mora.
7 Fa naforintseko ty akibako,
fa nifarieko i lovakoy;
fa natoloko am-pitan-drafelahi'e
i kokoan' aikoy.
8 Fa nanjare liona añ'ala ao amako
i lovakoy,
kanao nañaoloa'e, hejeko.
9 Hoe vorom-banda mpitsatsa amako
i lovakoy.
Miatreatre añariary aze
o vorom-pamaokeo.
Akia, fonga atontono o bibin-kivokeo,
endeso mb'etoa hamotseke.
10 Mpiarake maro ty nampianto
i tanem-balobokoy,
fa linialia' iareo i tetekoy,
nanoeñe ratraratra i tondako soay†.
11 Nampangoakoaheñe, Bangiñe!
mitoreo aoloko eo;
nampibabañoaheñe iaby i taney,
amy te tsy haoñe' ondaty an-troke.
12 Fa nivotraham-pampianto
ze hene haboañe am-patram-bey añe;
amy te mamotseke boak'añ'efe' i taney añe pak'amy añey ka ty fibara' IEHOVÀ,
fonga tsy aman-kanintsiñe
ze atao nofotse.
13 Nandrarak' ampemba‡ iereo,

---

† **12:10** Sor 26:22, Isa 27:10, Iir 10:21 ‡ **12:13** Ampemba: toe karazam-bare

fe nitatake fatike;
nifanehake,
f’ie tsy miraorao;
aa le imeñaro ty havokara’ areo,
ty amy haviñera’ IEHOVÀ miforoforoy.
14 Hoe t’IEHOVÀ:
Ty amo raty mañohok’ ahio,
o mitsapa i lova nampandovaeko
ondatiko Israeleio,
toe ho voroteko an-tane’ iareo, hombotako am’iereo
ty anjomba’ Iehodà.
15 Aa ie añe ty nañombotako iareo,
le ho tretrezeko indraike;
vaho hampoliko, songa mb’an-dova’e,
sindre mb’an-tane’e.
16 Ie amy zao, naho toe ianara’ iareo
ty sata’ ondatikoo, ty hifanta ami’ty añarako: Kanao veloñe t’IEHOVÀ,
hambañe amy nañanara’ iareo ondatiko
ty hifanta amy Baale,
le haoreñe aivo’ ondatikoo ka iereo.
17 F’ie naho tsy mañaoñe iereo,
le ho voroteko i fifeheañe zay,
hombotañe naho harotsake,
hoe t’IEHOVÀ.

# 13

1 Hoe t’IEHOVÀ amako: Akia, mikaloa sokotry lande, le sadiaño, vaho ko alo’o an-
drano. 2 Aa le nivily sokotry raho ty amy tsara’ IEHOVÀy, vaho nadiako. 3 Nomb’
amako fañindroe’e ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 4 Endeso i sokotry vinili’oy, o an-
toha’oo, le miongaha, akia mb’e Perate* añe vaho akafiro an-tseran-damilamy ao.
5 Aa le nimb’ eo raho nañetak’ aze e Perate ao amy nandilia’ IEHOVÀy.
6 Ie añe ty andro maro, le hoe t’IEHOVÀ amako, Miongaha, akia mb’e Perate mb’eo
vaho rambeso i sokotry nililiako haetak’aoy. 7 Aa le nimb’e Perate mb’eo raho vaho
hinaliko naho rinambeko amy nañetahakoy i sokotriy; naheoko t’ie nianto, tsy vara
ka. 8 Le niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe:
9 Hoe t’IEHOVÀ:
Hambañe amy zay ty hamongorako
ty fiebora’ Iehodà, naho
ty firengevoha’ Ierosalaime,
10 ondaty lo-tsereke retoañe,
o mifoneñe tsy hijanjiñe o volakoo,
o manjotik’ ami’ty fanjeharan’arofo’eo,
naho mañorike ndrahare ila’e hitoroña’e naho hitalahoa’e;
aa le hifandrae ami’ty sokotry toy iereo,
ie tsy vente’e.
11 Fa hambañe ami’ty fidiañañe
ty sokotry an-toha’ondaty,
ty nampidiañako amako
ty anjomba’ Israele iaby,
naho ze hene anjomba’ Iehodà,

---
* **13:4** Perate: Saka mampiraorao

hoe t'IEHOVÀ,
soa te ho amako iereo, h'ondaty
naho tahinañe, naho engeñe,
vaho volonahetse;
f'ie mihiritsiritse avao.
12 Atovoño am' iereo o tsara zao: Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: Songa ho
peañen-divay o zonjoñeo. Le ie manao ty hoe iereo: Aa tsy apota'ay hao te sindre
hatsafen-divay o zonjoñeo? 13 Le hanoa'o ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ:
Ingo ho liporeko hamamoañe ze hene
mpimone' ty tane toy: o mpanjaka
miambesatse am-piambesa' i Davideo†,
naho o mpisoroñeo, naho o mpitokio,
vaho o mpimone' Israele iabio.
14 Ho ifampidosieko iereo,
o roaeo amo ana'eo, hoe' t'IEHOVÀ;
tsy hiheveako, tsy ho tretrezeko,
tsy ho ferenaiñeko;
te mone ho rotsaheko.
15 Mijanjiña naho manolora ravembia,
ko mibohaboha; fa nitsara t'IEHOVÀ.
16 Toloro engeñe t'IEHOVÀ
Andrianañahare' areo,
aolo' ty firoña'e ho maieñe,
aolo te mitsikapy an-tongoa-vohitse eo
o fandia' areoo,
le ie mipay hazavàñe nahareo
ro hafote'e ho talinjon-kavilasy,
ie hampimoromoroñe'e.
17 Fe naho tsy mañaoñe nahareo,
le hiharovetse añ'etake ty troko
ty amy firengevohañe zay;
higanaganaham-pangololoihañe
o masokoo,
vaho hikararake o rano-masokoo,
amy te nasese an-drohy añe i lia-rai' IEHOVÀy.
18 Taroño amy mpanjakay naho amy
mpanjaka-ampelay ty hoe:
Mitoboha ambane,
fa nazetse o sabakan'enge' areo fanjakao.
19 Migabeñe o rova atimoo,
vaho tsy eo ty hanokake iareo;
songa nasese am-pandrohizañe t'Iehodà;
sindre nendeseñ' añe an-drohy.
20 Ampiandrao o fihaino'oo,
isaho o mb'etoy boak' avaratse eio;
aia i lia-raike natolots' azoy,
i lia-rai'o fanjakay?
21 Ino ty hatao'o naho tendre'e
ho ambone' lohà'o o nirañe'o taoloo;
o naò'oo?

† **13:13** Davide: Ikokoañe

Tsy hamihiñe azo hao ty fikoretañe
hoe fitsongoan' ampela?
22 Aa naho atao'o an-tro'o ao ty hoe:
Ino ty nifetsaha' iretoañe amako?
Ty habei' hakeo'o ty nañaloañe i siki'oy,
naho ty maha tsi-an-kana o tomi'oo.
23 Mahay mañova ty holi'e hao
ty nte-Kose‡,
ndra i hapepoa'ey ty fosa?
Aa naho mete zay, le ho lefe'areo
mpanao ratio ka ty hanao soa.
24 Aa le hampiboeleko iereo
manahake ty karafo ampihelaña'
i tion-dratraratray.
25 Toe toli'o toy, ty nañaranako ama'o, hoe t'IEHOVÀ;
amy te nihaliñe'o raho,
vaho niatoa'o ty remborake.
26 Aa le hatsingako ambone' lahara'o eo
o siki'oo hampiboake ty fimeñara'o.
27 Fa nitreako o hativa'oo:
ty fifandrañaota'o,
ty fitrem-pitsinginiora'o,
ty haleoran-kakarapiloa'o,
amo tamboho an-kivoke eio,
nitreako o hativà'oo.
Hankàñe ama'o, ry Ierosalaime,
ampara' te ombia t'ie mbe haleotse?

# 14

1 Ty tsara' IEHOVÀ am' Iirmeà
ty amy hasalikoañey.
2 Mandala t'Iehodà,
midegañe o lalam-bei'eo,
ie mibotrek' an-kontoke ty amy taney;
vaho mionjoñe ty firoveta' Ierosalaime.
3 Nirahe' o roandriañeo o keleia'eo
hitoha rano:
ie pok'an-kadaha eo, tsy manjo rano; mimpoly am-binta kapaike,
salatse naho daba, misaron-doha,
4 O taneo mivarakivaraky,
tsy niavy an-tane ty orañe,
miolitsolitse ty mpiava, misaron-doha.
5 Miterak' an-kivoke ey ka ty fanaloke,
fe aforintse'e, ie tsy aman' ahetse.
6 Miereñereñe an-kaboan-diolio eñe
ty borìke ly, misefosefo hoe fosa;
milesa o maso'eo,
amy te tsy eo rongoñe.
7 Aa ndra te asisì' o tahi'aio zahay,
ry IEHOVÀ, mitoloña ty amy tahina'oy;

‡ **13:23** Kose: hamainten-gero'e

toe maro o fidisa-voli'aio,
naho anaña'o hakeo.
8 Ry fitamà' Israele, t'i Mpandrombak' aze an-tsan-kaoreañe,
manao akore te ihe ro manao
ambahiny an-taneo,
manahake ty mpitaveañe mañialo ao
te haleñe?
9 Mañino Rehe ro hoe ondaty daba,
hoe fanalolahy tsy maharombake?
F'ie añivo'ay Rehe, ry IEHOVÀ,
vaho kanjieñe ami'ty tahina'o,
ko aforintse'o.
10 Hoe t'IEHOVÀ am'ondaty retoañe:
Toe nitea' iereo ty mirererere,
tsy kinala' iareo o fandia'eo;
aa le tsy no' IEHOVÀ,
ho tiahi'e henane zao o hakeo'eo,
vaho ho lilove'e o tahi' iareoo.
11 Le hoe t'IEHOVÀ amako:
Ko ihalalia'o ty hasoa' ondaty retoa,
12 Ie mililitse, tsy ho tsanoñeko
o fitoreo'eo;
ie mañenga soroñe naho enga
mahakama, tsy ho noko;
te mone ho mongoreko am-pibara,
naho an-kerè vaho an-kiria.
13 Le hoe raho: Ee Talè, IEHOVÀ!
Inao ty filañona' o mpitokio:
Tsy hizò fibara nahareo,
tsy ho tendreke hasalikoañe;
fa ho tolorako fierañerañañe
tsy modo ami'ty toetse toy.
14 Aa le hoe t'IEHOVÀ amako:
Mandañitse ami'ty añarako o mpitokio*;
tsy nahitriko tsy nililiako, tsy nivolañako;
itokia' iareo aroñarom-bande,
naho sahàtse, naho raha kafoake,
vaho ty famañahian-tro' iareo avao.
15 Aa le hoe t'IEHOVÀ:
O mpitoky mitoky ami'ty añarakoo:
Tsy niraheko, fe hoe ty asa'iareo:
Tsy ho an-tane atoy ty vi-lava
naho ty kerè.
Aa le ty fibara naho ty hasalikoañe
ty higadoña' i mpitoky rey.
16 Le hahifik' an-dala' Ierosalaime ey
ondaty itokia' iareoo,
ami'ty mosare naho amy fibaray;
le tsy hanam-pandeveñe,
ie naho o vali'eo, naho o ana-dahi'eo,
vaho o anak' ampela'eo;

---

* **14:14** Ies 9:14, Iir 23:11-36, 27: 14,16, Iek 21:34, 22:28

fa hadoako am'iereo ty haloloa' iareo.
17 Le isaontsio o tsara zao:
Ehe te hitsiririàhan-drano maso
handro an-kaleñe o masokoo;
vaho ko ajihetse ;
amy te dinemo' ty fanjevoañe ra'elahy
i somondrara anak' ampela' ondatikoy,
ami'ty fere mahatindry.
18 Zaho mb'an-kivok' añe:
hehe ty zinamam-pibara,
ie mimoak' an-drova ao,
ingo ty nanilofen-kerè!
mikariokariok' amy taney
o mpitokio naho o mpisoroñeo
fa tsy mahafohiñe.
19 Vata'e nifarie'o hao t'Iehodà?
Heje' ty arofo'o vintañe hao ty Tsione?
Ino ty nandafa'o anay
ho po-pijangananañe?
Ie nandiñe fanintsiñañe fe po hasoa,
naho fitsaitsaihañe, te mone hankàñe.
20 Iantofa'ay ry IEHOVÀ, o halò-tsere'aio,
naho o tahin-droae'aio; toe anaña'o hakeo.
21 Ko malaiñ'anay Rehe, ty amy tahina'oy!
ko mavoe'o ty fiambesan'enge'o;
mahatiahia, ko ivaliha'o
i fañina'o ama'aiy!
22 Ahavian'orañe hao o raha
tsy jefa' o kilakila'ndatioo?
O likerañeo hao ty mampikojojoake orañe?
Tsy Ihe hao, ry IEHOVÀ
Andrianañahare'ay?
Tsy Ihe hao ty fitamà'ay?
Toe Ihe ro Mpanao ze he'e zao!

## 15

1 Le hoe t'IEHOVÀ amako:
Ndra te nijohañe añatrefako eo
t'i Mosè naho i Samoele,
tsy ho nitolike mb'am'ondaty retoa ty troko
soiho añe iereo tsy ho treako, aseseo añe.
2 Ie amy zao, naho isaontsia' iareo,
ty hoe: Homb'aia zahay?
le hanoa'o ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ:
O havetrakeo mb'am-pivetrahañe,
O ho amy fibaraio, mb'amy fibaray,
O hampisalikoeñeo le mb'amy mosarey,
O ho an-drohio, le mb'am-pandrohizañ' añe.
3 Efatse ty hafantoko am' iareo:
hoe t'IEHOVÀ
hanjevoñe ty fibara naho

hirepake ty amboa naho
hampibotseke naho hamongotse o voron-dikerañeo naho
o bibi' ty tane toio.
4 Le hanoeko fangebahebahañe
amy ze fifehea' ty tane toio,
ty amy Menasè*, ana' Iekizkia†
mpanjaka' Iehodà,
o nanoe'e e Ierosalaimeo.
5 Ia ty hiferenaiñ' azo ry Ierosalaime?
Ia ty handal' azo?
Ia ty hivike hañontane ty fanintsiña'o?
6 Fa nifarie'o raho, hoe t'Iehovà,
toe nidisa-voly;
zay ty añitiako ama'o ty tañako,
handrotsahako;
mahamokotse ahy ty miheve.
7 Itsongako an-tsikelo
an-dalambei' i taney;
ampandalàko anake,
vaho ho mongoreko ondatikoo
amy te tsy ambohoa'e o sata'eo.
8 Ho maro te amo fasen-driakeo
o ramavoi'iareoo aoloko eo;
afetsako am'iereo, ami'ty renen' ajalahy
ty mpampianto an-tsipinde mena;
hivovò ama'e ty fihepakepahañe
naho ty firevendreveñañe.
9 Miforejeje ty nisamake fito;
midegañe ty fiai'e;
fa nimotake i andro'ey
t'ie mb'e nandia-loha,
meñatse re naho salatse;
vaho haseseko ami'ty fibara ty sehanga'e
añatrefa' o rafelahi' iareoo,
hoe t'Iehovà.
10 Feh'ohatse amako ry reneko,
te nahatoly ahy h'ondaty trabiheñe,
mpampitrobo i tane iabiy!
tsy nampisongo raho, tsy misongo;
fe fonga mamàtse ahy.
11 Hoe t'Iehovà:
havotsoko ho an-kasoa rehe;
hampihalalieko ama'o
ty rafelahy an-tsan-kankàñe naho añ'andron-kasotriañe.
12 Mahafolake ty viñe boak' avaratse hao
ty viñe naho ty torisìke?
13 Hatoloko ho fikopahañe
tsy amam-bili'e ty vara naho fanaña'o,
pak' añ'efe'o iaby ty amo hene' tahi'oo.
14 Le hampaneseko o rafelahi'oo

* **15:4** Menasè: i nandikofañey; bey haliño † **15:4** Iekizkia: ty haozara' Iehovà

mb’ an-tane tsy fohi’o;
fa niviañeñe an-doak-oroko ao ty afo hisolebats’ ama’o.
15 Ihe ry IEHOVÀ ro maharofoanañe,
tiahio raho vaho aereñereo,
vaho valeo o mpanao sarerak’ ahio;
ko asese’o mb’eo ty amy fiferenaiña’oy; mahaoniña te Ihe ro nahafeahako inje.
16 Nitendreke o tsara’oo vaho nihaneko;
le nahafale ahiko
toe naharebeke ty troko o tsara’oo;
amy te nitokaveñe ami’ty tahina’o,
ry IEHOVÀ Andrianañahare’ i màroy.
17 Tsy nitobohako i fivorim-pitohàkey,
tsy nirañarañа an-kobaiñe,
fa mitobok’ am-bangiñe ao ty amy fità’oy; ie nilifore’o hatorifihañe.
18 Akore te silofeñe nainai’e o rarekoo,
ie tsy mitsaitsaike o ferekoo,
tsy mete ho melañe?
Hanao torahañe mamitak’ amako
hao Rehe, hoe rano misike?
19 Aa le hoe t’IEHOVÀ:
Naho himpoly rehe,
le ampibaliheko indraike,
hijohaña’o añatrefako eo;
aa naho akare’o ami’ty kafoake ty vente’e,
le ho sorotàko;
adono hitoliha’ iareo, fa ko itoliha’o.
20 Le hanoeko kijoly torisìke
am’ondaty retoa;
hialy ama’o iereo, fa tsy hahagioke,
Ho ama’o raho handrombak’ azo
naho hañaha azo, hoe t’IEHOVÀ.
21 Havotsoko am-pità’ o lo-tserekeo,
naho ho jebañeko an-dela-pità’
ty mampangebahebake.

## 16

1 Nimb’amako ty tsara’ IEHOVÀ
nanao ty hoe:
2 Ko mañenga valy,
ko misamak’ ana-dahy ndra
anak’ampela an-toetse atoy.
3 Fa hoe t’IEHOVÀ ty amo
ana-dahy naho anak’ampela terake
ami’ty toetse toio,
naho i rene’e nisamake iareo,
naho i rae’e nampiareñe iareo
an-tane atoiy:
4 T’ie hivetrak’ am-pikoromahañe
mahaferenay,
tsy eo ty handala, tsy haleveñe,
fa hapoke hoe forompotse
ambone-tane eo,

ho zamane' ty fibara naho ty saliko;
ho hane' o voron-dikerañeo
naho o biby an-tane atoio ty lolo' iareo.
5 Le hoe t'IEHOVÀ:
Ko iziliha'o ty anjombam-pandalàñe,
ko mb'eo hirovetse ndra hañohò;
fa nafahako am' ondaty retoa ty
fanintsiñako, hoe t'IEHOVÀ,
ty fiferenaiñako naho ty fitretrezako.
6 Songa hivetrak' an-tane atoy
ty kede naho ty bey;
tsy haleveñe,
tsy hirovetañe,
tsy handilian-tsandriñe,
tsy hañitsifañe;
7 Tsy hamolahañe mofo ty mpandala,
hampanintsiñe aze ty amy raza'ey;
tsy hanjotsoañe fitovim-pañohòañe hinoma'e ty aman-drae'e ndra rene'e.
8 Ko imoaha'o ka ze anjomba
manao sabadidake, iambesara'o,
hikama ndra hinoñe.
9 Fa hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
i Andrianañahare' Israeley:
Toe hajiko an-toetse atoy,
añatrefam-pihaino'o eo
naho amo andro'oo,
ty feon-kafaleañe, naho
ty feom-pirebehañe, naho
ty fiarañanaña' i mpañengay vaho
ty fiarañanaña' i engañey.
10 Aa ie saontsie'o am'ondaty retoa
o tsara iaby zao,
vaho manao ty hoe ama'o iereo,
Akore te zahay ro nitsarà' IEHOVÀ
o hankàñe jabajaba zao?
Ino o hakeo'aio?
Ino ty tahiñe nanoe'ay amy
IEHOVÀ Andrianañahare'ay?
11 Le ty hoe ty havale'o ami'iereo:
Amy te nifarien-droae'areo raho
hoe t'IEHOVÀ, naho nanjontike
mb'aman 'ndrahare ila'e,
nitoroñe iareo naho nitalahoañe,
fe nieng'ahy, vaho tsy
mañambeñe i HÀ-koy.
12 Lombolombo ty nanoen-droae' areo
ty haratiañe nanoe' areo,
songa mañorike ty fanjeharan-tro'e raty,
fa tsy mañaoñe ahy.
13 Aa le hahifike boak'an-tane atoy
mb'an-tane tsy nifohi' areo
ndra o rae' areoo;

añe nahareo ro hitoron-drahare
ila’e handro an-kaleñe;
fe tsy ho soaeko.
14 Rendreho arè, te ho tondroke ty andro, hoe t’IEHOVÀ, te tsy ho volañeñe ka ty hoe:
Kanao veloñe t’IEHOVÀ nañakatse o ana’ Israeleo an-tane Mitsraime añe,
15 Te mone: Kanao veloñe t’IEHOVÀ
nampipoly o ana’ Israeleo
boak’ an-tane avaratse añe,
naho amo hene tane nandroahako iareoo;
Ie hampoliko an-tane’ natoloko an-droae’eo.
16 Ie amy zay, hampisangitrifeko
mpamintañe maro,
hoe t’IEHOVÀ,
le ho vintañe’iereo;
heneke zay le hampañitrifeko
mpañoro maro,
le ho horoñe’ iereo amy ze hene vohitse
naho amy ze fonga tamboho,
vaho boak’amo tseran-damilamio.
17 Fa amo sata’ iareo iabio o masokoo,
tsy mietak’ an-tareheko iereo;
mbore tsy mikafitse amo masokoo
ty fandilara’ iareo.
18 Hondroheko indroe hey ty hakeo
naho tahi’ iareo;
amy t’ie nañota-faly an-taneko;
nilipore’ iareo amy lovakoy o faten-
draha’e mampangorìñeo
vaho o raha tivao.
19 Ry IEHOVÀ, haozarako naho
kijoliko fatratse,
toe fipalirako an-tsan-kasotriañe,
ama’o ty hañaveloa’ o fifeheañe
boak’ añ’olo-ty tane toio
hanao ty hoe:
Nandova vande avao o rae’aio,
raha kafoake, tsy amam-bente’e*.
20 Hamboara’ ondaty ‘ndrahare hao
ty vata’e, ie tsy andriananañahare?
21 Mahaoniña arè te hampahafohineko
ami’ty indraike toy te haboako am’ iereo
ty tañako, naho ty haozarako;
vaho ho fohi’ iareo te IEHOVÀ ty añarako.

## 17

1 Fa sinokitse am-panokiram-by
ty hakeo’ Iehodà,
safira masioñe ty loha’e,
pinatetse an-takelan’arofo’ iareo,
naho ami’ty tsifan-kitreli’ iareo eo.
2 Ie tiahi’iereo o ana’ iareoo,

* **16:19** Sab 147:19 Isa 2:3 Jao 4:22, Rom 2:20, 3:2,

le ho tiahi’iareo ka ty kitreli’ iareo
naho o Asere’ iareo
añ’ila’ ze hatae antsetra an-kaboañe eio.
3 O ry vohiko an-kivoke ey,
hatoloko ho fikopake o fanaña’oo
naho ze fonga vara’o,
rekets’ o toem-pisoroña’o amo haboañe manitsike ty tane’oo.
4 Le ihe, toe o vata’oo,
ro hapitsok’ amy lova natoloko azoy;
vaho hampitoroñeko o rafelahi’o
an-tane tsy fohi’oo;
amy te namiaña’o afo
hilebaleba nainai’e ty an-doak’oroko ao,
5 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Fatse t’indaty miato ama’ ondaty,
naho manao ty nofotse ho haozara’e,
vaho misitak’ am’ IEHOVÀ ty arofo’e.
6 Ho hambañe ami’ty rongoñe
an-dratraratra añe,
tsy ho oni’e ty fitotsaha’ ty soa;
amy t’ie himoneñe am-paimpaiñe
an-diolio añe,
an-tane sira tsy amam-pimoneñe.
7 Haha t’indaty miato am’IEHOVÀ;
naho IEHOVÀ ro fiantofa’e.
8 Hanahake ty hatae namboleñe
añ’olon-drano eo re,
mamelatse o vaha’eo marine rano ao,
ie tsy ho tendre-tariñandroke,
fa handrevake o rave’eo;
naho tsy ho mahimahin-dre an-taom-paosa, vaho le lia’e tsy hijihetse o voa’eo.
9 Milikoatse ze he’e
ty famañahia’ o arofoo*,
losotse ty hasilo’e—
ia ty mahafohiñe aze?
10 Zaho IEHOVÀ ty mpitsikarak’ arofo,
mpitsò-troke,
mpanambe ondatio mira amo sata’eo,
tsahatse ty havokara’ o fitoloña’eo.
11 Hambañe amo hatrakatrake mamana
anake tsy natera’eo,
ty manontom-bara tsy an-kahiti’e;
hieng’ aze irezay añivo’ o andro’eo,
ie ho dagola ampara’e.
12 Ry fiambesan-engeñe
nonjoneñe tam-baloha’e añe,
ry toe’ay miavakeo,
13 ry fitamà’ Israeleo, ry IEHOVÀ!
Hene ho salatse ze mieng’Azo;
ho sokireñe an-tane eo

* **17:9** Rzs 11:20, 17:20, Iir 7:24, 18:12, 23:17,

ze mivik’ ama’o,
amy te naforintse’ iareo t’IEHOVÀ,
loharano veloñey†.
14 Afaho ry IEHOVÀ le ho jangan-draho;
rombaho vaho ho rombake;
amy te Ihe ro fandrengeako.
15 Inao ty fatao’ iareo amako:
Aia ty tsara’ IEHOVÀ,
ampombao mb’etoa henaneo.
16 Fa naho zaho, tsy nalisa hisitake
ami’ty maha-piarak’ahy ama’o;
tsy nirieko ka ty andron-kankàñe;
arofoana’o te nalange añatrefa’o eo
ze niakatse an-tsoñiko.
17 Ko mamangebahebak’ ahy,
amy te Ihe ro fipalirako
añ’andron-kankàñe.
18 Ee te ho salareñe o mampisoañe ahy,
fe ko ampisalaren-draho;
ee te hembereñe iereo,
fe ko ampisosoren-draho,
aseseo am’iereo ty andron-kekoheko,
vaho rotsaho an-drotsake roe.
19 Hoe t’IEHOVÀ amako:
Akia, mijohaña an-dalambei’
o ana’ ondatio,
am-piziliha’ o mpanjaka’ Iehodào
naho am-piengà’ iareo eo,
naho amo lalambei’ Ierosalaimeo;
20 vaho isaontsio ty hoe:
Janjiño ty tsara’ IEHOVÀ
ry mpanjaka’ Iehodà, naho
ry Iehodà iaby, naho
ry hene mpimone’ Ierosalaimeo,
ze fonga mimoak’ an-dalam-bey retoañe:
21 Hoe t’IEHOVÀ: Mitaoa!
ko minday entañe ami’ty andro Sabotse,
naho ko mampizilike ndra inoñ’inoñe
amo lalambei’ Ierosalaimeo;
22 Ko añakaran-kilankañe ty anjomba’o ami’ty andro Sabata,
naho ko mitolon-draha,
vaho avaho ty andro Sabotse,
amy nandiliako aman-droae’areoy;
23 Ie tsy nañaoñe,
tsy nanokilan-dravembia,
te mone nampigam-pititia,
tsy hijanjiñe
tsy handrambe fanoroañe.
24 Ho tondroke ka te,
ie mahafitsendreñe ahy,
hoe t’IEHOVÀ,

† **17:13** Iir 2:13

te tsy anjilihañ' entañe amo lalam-bei'
ty rova toio ami'ty andro Sabotse,
fe hambenañe ho masiñe
ty andro Sabotse, tsy hitoloñañe;
25 Ie amy zay himoaham-panjaka
naho roandriañe o lalam-bei' ty rova toio hiambesatse amy fiambesa' i Davidey,
miningitse sarete naho soavala,
ie naho o roandria'eo,
naho ondati' Iehodao,
naho o mpimone' Ierosalaimeo;
vaho nainai'e ho fimoneñañe ty rova toy.
26 Hivovotse boak'amo rova' Iehodào,
naho hirik' am-paripari' Ierosalaime,
naho boak'an-tane' i Beniamine,
naho boak'an-tane petrake,
naho boak'am-bohibohitse,
vaho boak' atimo añe,
songa minday enga ho lorañe,
naho soroñe naho enga mahakama,
naho tsotse vaho engam-pañandriañañe
mb'añ'anjomba' IEHOVÀ mb'eo.
27 Fe naho mañamatsamatsa ahy nahareo
tsy hampiavake o andro Sabatao,
ami'ty tsy fimoahañe amo lalam-bei' Ierosalaimeo reke-kilankañe
ami'ty andro Sabotse;
le hamiañako afo o lalam-beio,
ze hamorototo o anjomba' Ierosalaimeo, vaho tsy hakipeke.

# 18

1 Ty tsara niheo am' Iirmeà boak' am' IEHOVÀ, manao ty hoe: 2 Miongaha, mizotsoa
mb'an-kiboho' i mpanao valàñe-taney mb'eo, le hampijanjiñeko azo eo o entakoo.
3 Aa le nizotso mb'añ'anjomba' i mpanao valàñe taney mb'eo, le nizoeko eo re
nifanehak' amo larò'eo. 4 Aa ndra mbia'mbia aman-kandra i valàñe am-pità' i
mpanao valàñe-taneiy, le namboare'e indraike ho valàñe hafa, ty amy ze natao' i
mpanao valàñe taney soa hanoeñe. 5 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe:
6 Ry anjomba' Israele,
Aa vaho tsy mete hanoeko ama' areo
hao ty sata' i mpanao valàñe-taney?
hoe t'IEHOVÀ.
Ingo, te hambañe ami'ty lietse
am-pità' i mpanao valàñe taneio,
inahareo an-tañako,
ry anjomba' Israele.
7 Ie volañako ami'ty fifeheañe,
naho ami'ty fifelehañe,
t'ie haombotse, naho harotsake,
vaho hahomake,
8 fe iambohoa' i fifeheañe nafàkoy
o hatsivokara'eo,
le hivalik'amy raty ho nafetsako ama'ey.
9 Le ie volañeko i fifeheañe naho ty fifelehañe,
t'ie harafetse naho haoreñe;

10 f’ie manao raty amasoko eo,
tsy mañaoñe ty feoko;
le haneñenako i soa nitaroñeko
hitahiako azey.
11 Aa le saontsio am’ondati’ Iehodào,
naho amo mpimoneñe e Ierosalaimeo,
ty hoe: Hoe t’IEHOVÀ:
Inao, hañajariako hankàñe,
naho ikitrohako hekoheko;
Mitoliha!
songa amy fitsilea’e tsy vokatsey,
vaho ovao o sata’ areoo
naho o fitoloña’ areoo.
12 Fa hoe iereo: Famoeam-piay zay;
fa hañavelo amo fisafiria’aio zahay,
sindre hañorike ty fanjeharan’arofo’e*.
13 Aa le hoe t’IEHOVÀ:
Añontaneo amo fifeheañeo henaneo,
ia ty nahajanjiñe i hoe zay;
toe nanao halatsàñe i somondrara
ana’ Israeley.
14 Hipotak’ amy vato an-kivokey hao
ty fanala’ i Lebanone?
Mb’ia te nasintake i rano manintsy mikararake boak’añ’ambahiniy?
15 Fe nandikok’ ahy ondatikoo,
nañembok’ an-drahare tsy vente’e;
nampitsikapy iareo amo lala’eo,
amo lalan-taoloo,
hitsilea’ iareo añ’oloñoloñe ao,
fa tsy an-dàmoke;
16 Hanoeñe halatsañe ty tane’ iareo,
fikosihañe nainai’e;
Songa ho vereñe ty mioza ama’e,
vaho hikofikofi-doha.
17 Haboeleko manahake t’ie an-tioke
atiñanañe añatrefa’ o rafelahi’ iareoo;
hiambohoako,
fa tsy hampiatrefako laharañe,
amy androm-peh’ohatsey.
18 Le hoe iereo,
Antao hikitro-draha am’ Iirmeà;
fa tsy ho modo amo mpisoroñeo ty Hàke
naho amo mpitokio i tsaray.
Antao hanjevoñe aze am-pameleke,
fa leo raik’ amo enta’eo
tsy ho haoñen-tika.
19 Haoño raho ry IEHOVÀ, vaho
janjiño ty feo’ o mpikilily ahikoo.
20 Ty raty hao ty añavahañe ty soa?
amy te nihalia’ iareo koboñe ty fiaiko.
Tiahio i niongahako añatrefa’o eo

* 18:12 Fot 8:21, Sab 141:1, Rzs 32:6, Iir 4:4, 7:24, 16:12, 17:9, 23:17, Lke 6:45, Heb 3:12

nitaliliako hasoa,
hampiholiarañe iareo amy haviñera'oy.
21 Aa le aseseo mb'an-kerè o keleia'eo, ampikovovoho mb'an-kaozara'
i fibaray mb'eo;
le ampifandalao o ana'eo
o rakembao ho ramavoiñe;
naho ampizevo hivetrake ondati'eo,
vaho ampitrobahem-pibara
an-kotakotak' ao o ajalahi'iareoo.
22 Ee te ho janjiñeñe boak'añ'anjomba' iareo ty kaikaike,
ie ampivovoa'o firimboñan-dahin-defoñe; amy te nihalia' iareo koboñe hitsepak' ahy,
vaho nañetaha' iareo fandrike
o tombokoo.
23 Fe arofoana'o, ry IEHOVÀ,
ze hene fikililia' iareo hañè-doza amako,
ko ihevean-kakeo vaho ko faopaohe'o tsy ho añatrefa'o o tahi'iareoo;
f'ie rotsaho aolo'o eo,
ondroho amy andron-kaviñera'oy.

# 19

1 Hoe t'IEHOVÀ: Miviliaña zonjo-tane raike amy mpanao valàñe-taney, le mindesa
roandria' ondatio, naho zokem-pisoroñe; 2 vaho mionjona mb'am-bavatane' i Ben-
Hinome, mb'am-pimoahañe an-dalambey atiñanam-b'eo, le saontsio eo o tsara ho
taroñeko ama'oo, 3 ami'ty hoe:
Janjiño ty tsara' IEHOVÀ,
ry mpanjaka' Iehodào,
naho ry mpimone' Ierosalaimeo;
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
Andriananañahare' Israele:
Ingo fa hampombako hankàñe
ty toetse toy, hampitsantsàñe
ze fonga ravembia hijanjiñe aze;
4 amy te naforintse' iereo raho,
naho nampialihe' iereo ty toetse toy,
naho nañemboke tsotse
aman-drahare ila'e
tsy nifohi' iereo ndra o roae' iareoo,
ndra o mpanjaka' Iehodào;
nilipore' iereo lio-màliñe ty toetse toy;
5 le nandranjia' iareo tamboho t'i Baale, hamorototo o ana' iareoo añ'afo ao
ho soroñañe amy Baale;
ie tsy nililieko, tsy nitaroñako
naho tsy nimoak'am-pitsakoreako ao.
6 Aa le ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ,
te tsy ho tokaveñe ty hoe Tofete
ty toetse toy, ndra ty hoe
Vavatanen' ana' i Hinome,
te mone ty Vavatanem-panjamanañe;
7 Le ho koaheko ami'ty toetse toy
ty fanoroan-keve' Iehodà

naho Ierosalaime;
le hampikorovoheko fibara
añ'atrefa' o rafelahi' iareoo,
naho am-pità' o mipay ty fiai' iareoo;
vaho ho fahanako ami'ty lolo' iareo o voron-dikerañeo
naho o bibi'ty tane toio;
8 naho hanoeko halatsañe ty rova toy,
naho fikosihañe;
le hene ho vereñe ze miary eo vaho
hikosìke ty amo hekoheko iabio;
9 le hampikamaeko iareo
ty sandri' o ana-dahi'eo naho
ty nofo' o anak'ampela'eo,
naho songa hikama ty nofo' o rañe'eo, amy fañarikatohañey naho amy fanjirañey,
vaho amy haloviloviañe hanoe' o rafelahi'e mipay ty fiai' iareooy.
10 Ie amy zao, jeñaho am-pahaisaha' indaty mindre ama'o rey i zonjoñey, 11 vaho
ano ty hoe:
Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy:
Hanahake zay ty hampidemohako
ondaty retoa naho ty rova toy,
hambañe ami'ty fampijeñafañe
ty zonjòm-panao valàñe tane,
t'ie tsy ho lefe amboareñe ka;
le halenteke e Tofete ao iereo
amy t'ie tsy ho aman-tanem-pandeveñañe.
12 Zay ty hanoako ami'ty toetse toy,
hoe t'IEHOVÀ,
naho amo mpimone'eo,
soa te hampanahafeko amy Tofete
ty rova toy,
13 le ho hambañe amy Tofete
o anjomba' Ierosalaimeo, naho
o anjombam-panjaka' Iehodà fa vinetao,
toe ze hene anjomba nañemboke amo valobohòn-dikerañeo,
vaho nidoañañe enga-rano
amo 'ndrahare ila'eo.
14 Ie pok'eo boake Tofete t'Iirmeà, amy nañiraha' IEHOVÀ aze hitoky; le nijohañe
an-kiririsa' i anjomba' IEHOVÀy eo nanao ty hoe am'ondaty iabio: 15 Hoe t'IEHOVÀ' i
Màroy, Andrianañahare' Israele: Inao, te hafetsako ami'ty rova toy naho amo tanà'e
iabio o haliforan-kankàñe nitseizakoo; amy t'ie nampigan-kàtoke, tsy nijanjiñe o
entakoo.

# 20

1 Ie jinanji' i Paskore* ana' Imere†, mpisoroñe, loham-pifehe añ' Anjomba' IEHOVÀ
ao, i nitokie' Iirmeày, 2 le nampandafa' i Paskore t'Iirmeà, vaho najo'e an-dangoke an-
dalam-bei' i Beniamine añ' Anjomba' IEHOVÀ ao. 3 Ie amy loak' àndroy naho nakare' i
Paskore amy longòkey t'Iirmeà, le nanoe' Iirmeà ty hoe, Tsy Paskore ty nanoe' IEHOVÀ
i tahina'oy fa Magòremisabìbe‡. 4 Fa hoe t'IEHOVÀ: Ingo hanoeko harevendreveñañe

* 20:1 Paskore: mampigaraboke loake; hafotia † 20:1 Imere: misaontsy; añondry ‡ 20:3 Magoremisabibe: iarisehoa' ty tahotse

ami'ty vata'o naho amo hene rañe'oo rehe; le ho isam-pihaino'o ty ho korovohem-
pibaran-drafelahi' iareo, naho fonga hatoloko am-pitàm-panjaka' i Bavele t'Iehodà
naho hasese'e an-drohy mb'e Bavele mb'eo vaho ho zevoñe'e am-pibara. 5 Hatoloko
iareo ze hene haja' ty rova toy; o havokara'e iabio, naho o raha sarobili'e iabio, eka,
ze fonga vara' o mpanjaka' Iehodào ty hatoloko am-pità' o rafelahi'eo; ho kopahe'
iereo, ho rambese' iereo vaho hendese' iareo mb'e Bavele añe. 6 Le ihe, Paskore,
naho ze fonga añ' anjomba'o ao ro hasese mb'am-pandrohizam-b'eo; le ho avy e
Bavele añe rehe, naho hihomake añe, vaho haleveñe añe, Ihe rekets' o rañe'o iaby
nitokia'o entam-bìlañeo.
7 Ry IEHOVÀ, nazi'o raho le nimeteako,
niambotraha'o, vaho nahagioke;
zaho fitohàfañe lomoñandro,
mañabiañe ahy ie abikey.
8 Ie mivolan-draho le mitazataza,
mikoiake ty hoe:
Joy naho fandrotsahañe;
aa le sirikaeñe naho injeañe lomoñandro raho ty amy tsara' IEHOVÀy
9 Ie anoeko ty hoe,
tsy hivolañe aze raho,
tsy hirehak' ami'ty tahina'e ka,
toly ndra afo ty mihoboboke an-troko, migabeñe an-taolako ao,
naho mokotse avao raho t'ie tanañe ao,
vaho tsy feleko.
10 Tsinanoko ty tangogo' i màroy,
mangebahebake mb'atia mb'etia:
Manirikà, eka ho sirikae'ay;
mamandroñ'ahy o rañeko iabio ke hitsikapy: He ho fañahien-dre, hoe iereo,
Toe ho felen-tika, ho valen-tikañe.
11 Fe mindre amako t'IEHOVÀ
hoe fanalolahy;
aa le hitsikapy o mpampisoañe ahio,
naho tsy hahalefe,
akore ty ho fisalara' iareo
kanao tsy zary vaho ho fañonjirañe
tsy ho haliño kitro katroke.
12 Ry IEHOVÀ' i Màroy,
ry Mpitsoke o vantañeo,
Mpivazoho añ'ova naho añ'arofo ao,
ehe te ho treako ty famalea'o fate iareo;
fa Ihe ty nampibentarako ty amako.
13 Sabò t'IEHOVÀ, rengeo t'IEHOVÀ;
fa hinaha'e am-pità' o lo-tserekeo
ty fiai' o rarakeo.
14 Fatse i andro nahatoly ahikoy;
ehe te tsy ho tahieñe
i andro niterahan-drenekoy.
15 Ozoñeñe t'indaty ninday talily
an-draeko, nanao ty hoe:
Nisamake lahilahy rehe, nahafale aze.
16 Ehe te hanahake o rova narotsa' IEHOVÀ tsy mete nisolohoo indaty zay;
Ee t'ie hijanjiñe kaikaike te maraiñe,

naho hazolava te tsipinde-mena.
17 Amy t'ie tsy vinono'e boak'
an-koviñ' ao;
soa te ho ni-kiboriko ty reneko,
ie nainai'e ho ni-bei-troke.
18 Aa vaho ino ty niakarako
i hoviñey hahatreavako
haemberañe naho hasotriañe,
hampibotsehan-kasalarañe o androkoo?

# 21

1 Ty tsara' IEHOVÀ am'Iirmeà, ie nirahe' i Tsidkià ama'e t'i Paskore ana' i Malkià*
naho i Tsefanià† ana' i Maaseia‡ mpisoroñe nanao ama'e ty hoe: 2 Ehe, mihalalia ho
anay am' IEHOVÀ; amy te maname aly aman-tika t'i Nebokadnetsare§ mpanjaka' i
Bavele*; hera hitoloñe ho antika t'IEHOVÀ manahake i hene fitoloña'e fanjaka rezay,
hampihakañe aze aman-tika. 3 Le hoe t'Iirmeà am' iereo: Ty hoe ty ho saontsie' areo
amy Tsidkià: 4 Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele:
Inao! hafoteko o fialiañe
ampità' areoo,
o fialia' areo amy mpanjaka' i Baveleio,
naho amo nte-Kasdy† mamalañe
anahareo alafe' o kijolioo,
fa hatontoko an-drova atoy iereo.
5 Le Zaho avao ty hialy ama' areo
am-pità' natorakitsy naho
an-tsirañe maozatse, naho
an-kaboseke mileveleve,
vaho am-pifombo miforoforo.
6 Le ho lafaeko o mpimone' ty rova toio,
ndra ondaty ndra biby;
hampihomahe' ty angorosy jabajaba.
7 Ie heneke, hoe t'IEHOVÀ,
le haseseko am-pità' i Nebokadnetsare
mpanjaka' i Bavele naho
am-pità' o rafelahi'eo, naho
am-pità' o mipay ty fiai'eo
t'i Tsidkià mpanjaka'Iehodà
naho o mpitoro'eo, naho
ze ondati' an-drova atoy sinisa' i
angorosiy naho i fibaray,
naho i hasalikoañey;
vaho ho lafae'e an-kasiom-pibara,
le tsy hihevea'e,
tsy hiferenaiña'e,
vaho tsy hitretreza'e.
8 Le hoe ty hatao'o am'ondaty retoa:
Hoe ty nafè' IEHOVÀ:
Hehe te apoko aolo' areo eo

---

* **21:1** Malkia: IÀ mpanjakako, mpañeretse ahy † **21:1** Tsefanià: IEHOVÀ ro tsikoko ‡ **21:1** Maaseia: ty fitoloña' IEHOVÀ § **21:2** Nebokadnetsare: Ranomaso, hoihoi-jaka * **21:2** Bavele: rapadrapake, fivalintsingoahañe; † **21:4** Kasdy: hoe kokolampa; hoe malaso

ty lalan-kaveloñe naho
ty lalam-pikoromahañe.
9 Ze tambatse an-drova atoy
ho vonoe' ty fibara naho ty kerè,
vaho ty angorosy;
fe ho veloñe ze miakatse,
miambane amo nte-Kasdy
mañarikatok' anahareoo,
le ho tamben-ali'e ty fiai'e.
10 Fe nampiatrefeko ami'ty rova toy
ty tareheko ho hekoheko fa tsy hasoa, hoe t'IEHOVÀ;
ie hatolotse am-pità' i mpanjaka' i
Baveley, vaho ho forototoe'e amañ'afo.
11 Le i anjombam-panjaka' Iehodày,
janjiño ty tsara' IEHOVÀ;
12 Ry anjomba' i Davide, hoe t'IEHOVÀ:
Ano ty hatò boak'andro,
vaho avotsoro am-pità' ty
mpamorekekeke i nikamereñey,
tsy mone hionjoñe hoe afo ty habosehako,
hamorototoako tsy ho lefe vonoeñe,
ty amo haloloam-pitoloña' areoo.
13 Hehe te miatrek'azo raho
ry mpimoneñe am-bavatane ao,
hoe t'ie vato a montoñe ey,
hoe t'IEHOVÀ:
amy ty fatao' areo ty hoe:
Ia ty hizotso haname anay?
ndra ia ty himoak' añ-akiba'ay atoa.
14 Toe ho liloveko ty amo vokam-pitoloña' areoo,
hoe t'IEHOVÀ;
naho hamiañako afo i ala'ey,
vaho fonga ho tomontoñe
ze mañohok' aze.

# 22

1 Hoe t'IEHOVÀ: Mizotsoa mb'añ' anjombam-panjaka' Iehodà mb'eo, vaho saontsio
eo o entañe zao: 2 ami'ty hoe: Janjiño ty tsara' IEHOVÀ, ry mpanjaka' Iehodà
miambesatse am-piambesa' i Davide, ihe naho o mpitoro'oo vaho ondati'o mimoak'
an-dalam-bey retoañe. 3 Hoe t'IEHOVÀ: Ano ty hatò naho ty havantañañe, naho
avotsoro am-pità' o mpamorekekeo o nikamerañeo, naho ko isengea'o hery, ko mijoy
ty renetane, ndra ty bode-rae, ndra ty vantotse, vaho ko mampiori-dio-màliñe an-
toetse atoy. 4 Aa naho toe anoe' areo i tsaraeñey, le himoak' amo lalambei' ty anjomba
toio o mpanjaka hiambesatse am-piambesa' i Davideo, hiningitse sarete naho soavala,
ie naho o mpitoro'eo naho ondati'eo. 5 F'ie tsy mañaoñe o tsara zao le hifantako am-
batako, hoe t'IEHOVÀ, te hangoakoake ty anjomba toy. 6 Aa hoe t'IEHOVÀ amy anjomba'
i mpanjaka' Iehodày:
Gilade* amako rehe,
ty andengo' i Libanone†;

* 22:6 Gilade: talily mitoboro, atiñana' Iordane. † 22:6 Libanone: Fidadañam-bohitse abo e Pilistý

f’ie toe hanoeko fatrañe,
rova tsy amam-pimoneñe.
7 Ampihentseñako mpandrotsake,
songa amam-pialiañe;
ho firae’ iereo o mendoraveñe soao,
vaho havokovoko’ iareo añ’ afo ao.
8 Fifeheañe maro ty hiary ami’ty rova toy, naho hifanao aman-drañe’e ty hoe:
Aa vaho akore o nanoe’ IEHOVÀ
ty rova jabajaba toio?
9 Le hanoiñe ty hoe iereo:
Amy t’ie nifary ty fañina’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ iareo,
niambane aman-drahare ila’e,
nitoroñe iareo.
10 Ko roveta’ areo ty mikoromake,
ko mangololoike ho aze;
fe poñafo ty hoihoy i misesey,
amy te tsy himpoly ka,
tsy ho isa’e ka i tane nihirifa’ey.
11 Fa hoe t’IEHOVÀ
ty amy Salome‡ ana’ Iosià,
mpanjaka’ Iehodà,
i nandimbe an-drae’e Iosiay,
i nionjoñe boak’ ami’ty toetse toiy:
t’ie tsy himpoly atoy ka;
12 fa amy tane aneseañ’ aze ho mpirohiy
ty hikoromaha’e,
vaho tsy ho isa’e ka ty tane toy.
13 Hankàñe t’indaty mandranjy
ty anjomba’e tsy an-kavantañañe,
naho o efe’eo tsy an-katò,
mampitolom-pitoroñe tsy an-tambe, vaho tsy atolo’e aze o karama’eo;
14 I manao ty hoe, hatratrañako
ty trañoko naho ampalalàheko o efe’eo;
le anampaha’e lalan-kedekede,
naho temere’e mendoraveñe o rindri’eo,
vaho lokoe’e mena mañabasà.
15 Mahafehe hao rehe kanao
mpisenge mendoraveñe?
Tsy nikama naho ninoñe hao o rae’o
nitoloñe an-katò naho an-kahiti’e
vaho nierañerañeo?
16 Nitaroñe’e ty enta’ o rarakeo
naho o poi’eo; nisoa henane zay.
Tsy zay hao ty faharendrehañe ahy?
hoe t’IEHOVÀ.
17 Toe ami’ty fihàña’o avao
o fihaino’oo naho ty arofo’o,
naho ami’ty fampiorihan-dio-màliñe naho famorekekeañe vaho fikatramoañe.
18 Aa le hoe t’IEHOVÀ ty am’ Iehoiakime
ana’ Iosià, mpanjaka’ Iehodà:

‡ **22:11** Salome: fonitse; mete

tsy hirovetañe ty hoe:
Hoihoy ty rahalahiko,
Hoihoy ty rahavave!
Tsy hangololoiha'iareo ty hoe:
Aa! ry talè, ndra, Aa! ty enge'e!
19 Ie haleveñe am-pandeveñam-borìke ao
ho kozozoteñe vaho havokovoko alafe' o lalam-bei' Ierosalaime ao.
20 Mionjona mb'e Libanone
naho mikoiakoiaha,
poñafo e Basane§ añe ty fiarañanaña'o;
vaho mangololoiha e Abarime* añe
fa fonga demoke o sakeza'oo.
21 Nivolañe ama'o raho ami'ty firaoraoa'o
fa hoe rehe, Zaho tsy hitsanoñe,
sata'o tamy naha ajalahy azoy
ty tsy nañaoñe ty feoko.
22 Ho faopaohe' i tiokey ze mpiara'o iaby,
le homb' ampandrohizañe añe
o sakeza'oo;
vaho ho meñare'o naho salare'o ze fonga haratia'o.
23 Ry mpimoneñe e Libanone ao,
mpikafitse amo mendorave'eo,
akore ty fatariha'o naho mivovo ama'o o fikoritahañe manahake
ty fitsongoan' ampela.
24 Kanao velon-dRaho hoe t'IEHOVÀ,
Ndra te nibangem-pitombok' an-
tañan-kavanako eo t'i Koniaho†
ana' Iehoiakime, mpanjaka' Iehodà,
le ho nasintako amako,
25 vaho ho natoloko am-pità'
o mipay ty fiai'oo,
eka! am-pità' o ihembaña'oo,
toe am-pità' i Nebokadnetsare
mpanjaka' i Bavele,
vaho am-pità' o nte-Kasdio.
26 Le hahifiko mb'an-tane
tsy nisamaha'o añe,
ihe naho ty rene'o nahatoly azo;
le añe ty hihomaha'o.
27 Fe i tane salalae' iereo himpoliañey, tsy himpolia' iereo ka.
28 Ondaty sirikaeñe hao ty Koniaho,
sinihara jeñake?
Karabiba tsy paiañe?
Akore te nariañe añe,
ie naho o amori'eo,
mb'an-tane tsy fohi' iareo?
29 O ry tane, ry tane, ry tane!
Janjiño ty tsara' IEHOVÀ.
30 Hoe t'IEHOVÀ:

---

§ **22:20** Basane: am-pamotsy ao, ami'ty nife * **22:20** Abarime: Fizilihañe; Mpijoñe † **22:24** Koniaho: Haozara' IEHOVÀ

Sokiro tsy ho aman'anake t'indaty tia,
ondaty tsy hiraorao añ'andro'e;
amy t'ie tsy ho aman-dahilahy o
tiri'eo ze hierañe am-piambesa'e,
am-piambesa' i Davide eo,
ndra hifehe e Iehodà ao.

# 23

1 Hankàñe amo mpiarake manjamañe naho mampibaibay o añondrim-
piandrazakoo*! hoe t'IEHOVÀ. 2 Aa le hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele amo
mpiarake mamahañe ondatikoo: Fa nampivarakaihe' areo i lia-raikoy, vaho rinoa'
areo añe; tsy sinari' areo; aa le hisariako ty amo haloloam-pitoloña' areo, hoe
t'IEHOVÀ. 3 Le zaho ty hanontoñe ty sehanga' i lia-raikoy boak' amo fifeheañe
nandroahako iareoo, le hampoliko mb' an-golobo'e mb'eo; vaho hiraorao vaho
hanaranake. 4 Le hampitroareko mpiarake hisary iareo naho hamahañe iareo†; ie
tsy ho hembañe ka, tsy hiroreke, vaho tsy ama'e ty hirereke, hoe t'IEHOVÀ.
5 Ingo ho tondroke ty andro, hoe t'IEHOVÀ,
t'ie hampitirieko amy Davide
ty tora-mionjo-bantañe,
ie ty ho mpanjaka hifeleke naho hiraorao,
vaho hizaka amy taney an-katò
naho an-kavañonañe.
6 Ho rombaheñe amo andro'eo t'Iehodà,
vaho hiaiñañoleñañe t'Israele;
le zao ty tahina'e hikanjiañe aze:
IEHOVÀ Havantaña'ay.
7 Aa le ingo ho tondroke ty andro hoe t'IEHOVÀ, te tsy hanoe' iereo ty hoe:
Kanao veloñe t'IEHOVÀ nañakatse o ana' Israeleo boak' an-tane' Mitsraime añe; 8 fe:
Kanao veloñe t'IEHOVÀ nañavotse naho niaolo ty tirin' anjomba' Israele boak'an-
tane avaratse añe, hirik'amo hene fifeheañe nandroahako iareo, le himoneña' iareo
ty tane'iareo.
9 Aa ty amo mpitokio:
Rofotse ty troko añ'ovako ao,
miripidripike iaby o taolakoo,
hoe te ondaty jike,
manahake t'indaty nimamoe' ty divay,
ty am' IEHOVÀ naho o tsara'e masiñeo.
10 Amy te manitsike i taney
o mpañakarapiloo;
itañia' i taney i fatsey,
mikantañe o fiandrazañe am-patrambeio; mengoke am-pañaveloañe iareo
naho vàlañe an-kaozarañe;
11 Tsy aman-Kàke
ndra mpitoky ndra mpisoroñe;
eka, ndra añ'akibako ao ty nahatreavako
ty haloloa' iareo, hoe t'IEHOVÀ.
12 Aa le halama o lala' iareoo,
haronje ami'ty haleñe iereo
vaho hivarinjonjok' ao;
fa hafetsako am' iereo ty hankàñe,

---

* **23:1** Iek 34:6,12, Zek 10:2, Mat 9:36, Jao 10:12 † **23:4** Iir 3:14-17, Mik 2:12, 7:14

eka, ty taom-pitilihañe iareo,
hoe t'IEHOVÀ.
13 Mbore nahatrea hativañe amo mpisoro'
i Someroneo‡ raho:
i Baale ty fitokia' iareo,
mampanan-kakeo Israele ondatikoo.
14 Toe vata'e haloloañe ty nitreako amo mpitoky e Ierosalaimeo:
mpifandrañaotse,
mpañavelo an-dañitse,
ampahozare' iareo ty fità' o lo-tserekeo,
soa tsy eo ty hibalintoa
amy hatsivokara'ey;
songa hanahake Sedome§ amako iereo,
manahak' i Amorà* o mpimone'eo.
15 Aa le hoe t'IEHOVÀ' i Màroy
ty amo mpitokio:
Ingo hifahanako vahontsoy,
ampinomeko manahin-afero;
fa boak' amo mpitoki' Ierosalaimeo ty namelaran-katemboañe nahatsitsike ty tane.
16 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy:
Ko haoñe' areo ty lañona' o mpitoky
mitoky ama' areoo,
o mitarik' anahareo mb'an-koakeo;
ty aroñaron-tro'e avao ty saontsie' iereo f'ie tsy boak'am-palie' IEHOVÀ.
17 Mitolom-panao ty hoe amo malaiñe
Ahio iereo: inao ty tsara' IEHOVÀ:
Hierañerañe nahareo;
naho amo manjotik' am-panjeharan-tro'eo ty hoe:
Tsy ho tendrek' ama' areo
ty hekoheko.
18 Fa ia ty nijohañe am-pivori'
IEHOVÀ ao hahaoniñe,
hijanjiñe o tsara'eo?
Ia ty nañaoñe i nafè'ey,
naho nahafitsendreñ'aze?
19 Ingo fa nionjoñe am-piforoforoa'e
ty tio-bei' IEHOVÀ,
eka, hiviombio an-doha' o lo-tserekeo ty tangololahy.
20 Tsy himpoly ty haviñera' IEHOVÀ
ampara' t'ie mahaheneke,
ampara' te fonire'e i satrie'ey,
ho fohi' areo do'e zay
amo andro honkahonka'eo†.
21 Tsy nafantoko o mpitoky retoa,
f'ie mihitrihitry;
tsy nivolañeko, f'ie mitoky avao‡.
22 Aa naho nijohañ' ampivoriko ao,
le ho nampijanjiñe' iareo ondatikoo
o entakoo, himpolia'iareo

‡ **23:13** Somerone: ankaboam-pijilovañe § **23:14** Sedome: ty tsiko' iareo * **23:14** Amorà: Mpiola † **23:20** Iir 30:24, Dan 12:10 ‡ **23:21** Iir 14:14-15, 23:32, 28:15, 29:9

boak'amy lalan-kelokelo'iareoy
vaho hiambohoa' iareo o sata' rati' iareoo,
23 Andrianañahare atoañe avao hao raho, hoe t'IEHOVÀ,
fa tsy Andrianañahare añe ka?
24 Eo hao ty mahafietake
am-pipalira'e ao tsy ho treako?
hoe t'IEHOVÀ.
Tsy manitsike i likerañey naho
ty tane toy hao raho? hoe t'IEHOVÀ.
25 Fa tsinanoko ty saontsi' o mpitoky
mpandañitse ami'ty añarakoo, ami'ty hoe:
Nañinofy raho, nañinofy raho.
26 Ampara' te mb'ia te ho an-tro'
i mpitoky vilañey
ty hitokia'e vande,
ty hitoky ty famañahian-tro'e avao.
27 Fisafiria' iareo ty hampañaliñoañe ondatikoo ty añarako amo nofi' iareo ifampisaontsia' iareoo,
manahake ty nandikofa' o roae'eo
ty añarako ty amy Baale.
28 Ty mpitoky mañinofy,
apoho hitalily i nofi'ey;
le ty manañe i entakoy, soa re te
hitaroñe am-pigahiñañe.
Inoñ' ami'ty ampemba hao ty ahetse? hoe t'IEHOVÀ;
29 Tsy manahake ty afo hao o volakoo? hoe t'IEHOVÀ;
naho hoe ana-bato mampikotekoteke
ty lamilamy?
30 Aa le inao! hejeko o mpitokio, hoe t'IEHOVÀ,
ie mifampikametse o entakoo.
31 Inao hatreatreko o mpitokio,
hoe t'IEHOVÀ
ie mañetseke ty famele'e hitoky ty hoe: Hoe ty tsara'e.
32 Inao! toe hejeko o mitoky
nofin-dremborakeo, hoe t'IEHOVÀ,
ie mitalily vaho mampandilatse ondatikoo amo vande'eo
naho amo fikanifoha'eo;
ie tsy niraheko, tsy liniliko;
mbore tsy mahasoa ondaty retoa,
hoe t'IEHOVÀ.
33 Aa naho manao ty hoe ama'o ondaty retoa, ndra ty mpitoky, ndra ty mpisoroñe:
Ino ty nafè' IEHOVÀ? le isaontsio ty hoe, Fetse inoñe! Fa ho farieko nahareo, hoe
t'IEHOVÀ. 34 Le ty mpitoky ndra mpisoroñe ndra ze ondaty mete hanao ty hoe: Ty
nafè' IEHOVÀ; toe ho liloveko rekets' i anjomba'ey indatiy. 35 Fe songa hifanaontsy
ty hoe aman-drañe'e naho aman-drahalahi'e: Ino ty navale' IEHOVÀ? ndra Ino ty
nitsarae' IEHOVÀ? 36 fe tsy ho tiahi' areo ty nafè' IEHOVÀ; fa sambe hisaontsy ty enta'e
avao ondatio ho fetse, ie nimengohe' areo§ ty tsaran' Añahare veloñe, IEHOVÀ' i
Màroy, Andrianañaharentikañe. 37 Ty hoe ka ty hatao' areo ami'ty mpitoky: Ino
ty natoi' IEHOVÀ azo? naho Ino ty nitsarae' IEHOVÀ? 38 Fe anoe'areo ty hoe: Ty nafè'
IEHOVÀ; le hoe t'IEHOVÀ: kanao taroñe' areo ty hoe: Ty nafè' IEHOVÀ, ie nafantoko ama'

§ **23:36** Isa 24:5, Dan 7:25

areo ty hoe: Tsy ho saontsie' areo ty hoe: Ty nafè' IEHOVÀ; 39 Ingo toe handikofako
nahareo, haitoako tsy ho añ' atrefako eo rekets' i rova natoloko aman-droae' areoy;
40 vaho hapoko ama' areo ty inje tsy ho modo naho ty hasalarañe kitro katroke tsy
ho haliño.

## 24

1 Nitoroa' IEHOVÀ, te ingo ty haroñe roe pea sakoañe napok' aolo' i anjomba'
IEHOVÀy eo; ie fa nasese' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele boak' Ierosalaime
ao mb' am-pandrohizañe añe t'Iekonià* ana' Iehoiakime mpanjaka' Iehodà naho o
ana-dona' Iehodào, rekets' o mpandranji'eo naho o mpanefe'eo, vaho nendese'e mb'e
Bavele mb'eo. 2 An-karoñe raik' ao ty sakoañe fanjaka, manahake o sakoañe matoeo,
vaho sakoañe vata'e raty, tsy mete kamaeñe, o amy hàroñe ila'eio.
3 Le hoe t'IEHOVÀ amako: Ino o isa'o eoo, Iirmeà? Aa hoe raho, Sakoañe; ty sakoañe
soa, toe fanjaka; naho ty raty, vata'e lo tsy ho kamaeñe ami'ty haratia'e.
4 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 5 Hoe t'IEHOVÀ, Andriananañahare'
Israele, hambañe amy sakoañe soa reroy ty fisareako o ana' Iehodà nampiakareko
an-toetse toy mb'an-tane' o nte-Kasdioo ho ami'ty hasoa. 6 Fa hapetako am' iereo an-
kasoa o masokoo, naho hampoliko mb'an-tane atoy, vaho haràfiko fa tsy harotsako;
hamboleko fa tsy hombotako. 7 Hitolorako arofo hahafohiñe ahy, te Zaho IEHOVÀ;
le ho ondatiko iereo, vaho ho Andriananañahare' iareo raho; amy t'ie himpoly amako
an-kaliforañ' arofo. 8 Le ty amo sakoañe raty tsy mete kamaeñeo; hoe t'IEHOVÀ:
Toe haitoako t'i Tsidkià, mpanjaka' Iehodà, naho o roandria'eo naho ty sehanga'
Ierosalaime, o napok' an-tane atoio vaho o mpañialo an-tane Mitsraimeo. 9 Hanoeko
fangebahebahañe amo fifehea' ty tane toy iabio ho an-kaloloañe; ho inje naho oha-
drehake, fikizahañe naho fatse, amy ze hene toetse handroahako iareo. 10 Vaho
hahitriko am' iereo ty fibara naho ty kerè naho ty angorosy ampara' t'ie mongotse
amy tane natoloko iareo naho an-droae' iareoy.

## 25

1 Ty tsara nimb' am' Iirmeà ty amo hene ondati' Iehodào amy taom-paha'
efa' Iehoiakime ana' Iosia, mpanjaka' Iehodà, ty taom-baloha' i Nebokadnetsare
mpanjaka' i Bavele; 2 vaho nitseize' Iirmeà mpitoky amy ze fonga ondati' Iehoda
naho amy ze hene mpimone' Ierosalaime, ty hoe:
3 Sikal' amy taom-paha folo-telo-ambi' Iosia, ana' i Amone, mpanjaka' Iehodày,
ampara' ty andro toy, i taoñe roapolo telo amby rezay, le niheo amako ty tsara'
IEHOVÀ, naho nitaroñeko ama' areo, eka boak' andro naho beteke te nitaroñe, f'ie
tsy nañaoñe. 4 Toe nafanto' IEHOVÀ ama' areo i mpitoky mpitoro'e iaby rezay,
nañampitso te niraheñe—f'ie nihiritsiritse avao, tsy nanokilan-dravembia hijanjiñe
— 5 nanao ty hoe: Songa mimpolia, boak' ami'ty fitsilea'e raty, naho ami'ty haratia'
o sata'eo, vaho imoneño i tane natolo' IEHOVÀ anahareo naho aman-droae' areo, ho
nainai'e tsy modo, 6 le ko mañean-drahare ila'e hitoroñañe naho hitalahoañe, le ko
mampibosek' ahy amo satam-pità' areoo, vaho tsy ho lafaeko. 7 F'ie tsy nañaoñ' ahy,
hoe t'IEHOVÀ; te mone nampiforoforo ahy amo satam-pità' areoo ho ami'ty fiantoañe.
8 Aa le hoe t'IEHOVÀ' i Màroy: Amy te tsy midare o volakoo nahareo, 9 le inao te
hampañitrifako ze hene fifokoañe avaratse añe naho i Nebokadnetsare mpanjaka'
i Bavele, mpitorokoy vaho hendeseko hiatreatre ty toetse toy naho o mpimoneñe
ama'e ao naho o fifeheañe mañohok' azeo, le hampangoikoihañe ho halatsàñe
naho fikosasahañe vaho ho kòake nainai'e. 10 Mbore hajiko tsy ho am' iereo ty

* 24:1 Iekonia: fihentseñañe, figahiña' IEHOVÀ

feon-kafaleañe naho ty feom-pirebehañe, ty feom-pañenga-valy naho ty feon-enga-
vao, ty feom-batom-pandisañe, naho ty hazavàm-paìlo. [11] Ho koake iaby i taney,
naho ho halatsàñe vaho hitoroñe ty mpanjaka' i Bavele fitompolo taoñe o fifeheañe
retoa. [12] Ie heneke i taoñe fitompolo rezay, le ho liloveko ty mpanjaka' i Bavele,
naho i fifehea'ey, naho ty tane' o nte-Kasdio hoe t'IEHOVÀ ty amy hakeo' iareo;
vaho hanoeko fangoakoahañe kitro katroke. [13] Le hafetsako amy taney ze hene
volañe tsineiko ama'e, ze sinokitse ami'ty boke toy, ze nitokia' Iirmeà amo fifeheañe
iabio. [14] Fifeheañe maro naho mpanjaka foloay ro hañondevo iareo; vaho havaleko
am'iereo o sata' iareoo naho ty fitoloñam-pità' iareo.

[15] Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele, amako; Rambeso an-tañako ty fitovin-
divaim-pifomboko toy, vaho ampinomo ze hene fifeheañe añirahako azo. [16] Le
hikama iereo vaho hivembèñe mb'atia mb'etia, hoe dagola, ty amy fibara hahitriko
am'iereoy.

[17] Aa le rinambeko am-pità' IEHOVÀ i fitoviy vaho songa nampikamaeko o fifeheañe
nañiraha' IEHOVÀ ahio: [18] Ierosalaime naho o rova' Iehodào naho o mpanjaka'eo naho
o roandria'eo, hanoeñe fianto, halatsàñe, fikosihañe, vaho fatse; le fa ie henaneo;
[19] i Parò* mpanjaka' i Mitsraime, naho o mpitoro'eo naho o roandria'eo, vaho ze
hene ondati'e; [20] naho ondaty mifamorohotse iabio; o mpanjaka' i Oze† iabio, naho
o mpanjaka' ty tane' o nte-Pilistìo‡ iabio, naho i Askelone§, i Azà*, i Ekrone†, naho ty
sehanga' i Asdode‡; [21] i Edome naho i Moabe vaho o ana' i Amoneo; [22] o mpanjaka' i
Tsore§ iabio naho o mpanjaka' i Tsidone* iabio, naho ze hene mpanjaka' o tokonose
alafe' i riakeio; [23] i Dedane† naho i Temà‡ naho i Boze§, naho o mañitsike ty olo-
maroi'e iabio; [24] o mpanjaka' i Arabe* iabio vaho o mpanjaka o fikokoa-mitraok'
an-dratraratra añe iabio; [25] o mpanjaka' i Zimry† iabio, o mpanjaka' i Elame‡ iabio
naho o mpanjaka' o nte-Maday§ iabioo; [26] o mpanjaka avaratse añe iabio, ty marine
naho ty lavitse, ty raike mitraok' ami'ty ila'e; vaho ze kila fifehea' ty tane toy ambone'
tane atoy; le handimbe finomañe am' iereo ty mpanjaka' i Sesake*.

[27] Le hoe ty ho tseize'o am' iereo: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, i Andrianañahare'
Israeley: Minoma naho mimamoa naho mandoà vaho mikorovoha, amy t'ie tsy
hiongake ka ty amy fibara' hahitriko ama' areoy.

[28] Ie amy zao, naho ifoneña' iareo tsy handrambe i fitoviy am-pità'o hinoma'e, le
hoe ty hanoe'o am' iereo: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy: Toe hikama' areo. [29] Heheke te
mamototse minday hankàñe ami' ty rova tokaveñe ami'ty añarako toy raho, Hapoke
tsy ho liloveñe ka hao nahareo? Toe tsy ho hahàñe amy fandilovañey; amy te ho
tokaveko fibara ze kila mpimone' ty tane toy, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy. [30] Aa le itokio o
entañe iaby zao, vaho ano ty hoe:
Hirohake boak'andikerañe añe t'IEHOVÀ,
naho hipoña-piarañanañañe boak'
añ' akiba'e miavake ao;
hitroña'e i lia-rai'ey;
hipazake manahake o mpandia valobokeo
amo kila mpimone' ty tane toio;

* 25:19 Parò: mampiparaitake; ty mpijoy † 25:20 Oze: anatse; tsara ‡ 25:20 Pilisty: o mpañialoo;moneñe an-kialo § 25:20 Askelone: tahiñe; hakeo * 25:20 Azà: maozatse: ose † 25:20 Ekrone: Maliolio; riniatse ama'e ‡ 25:20 Asdode: fibotitirañe, midegañe; kizo § 25:22 Tsore: (Tiro), ozatse; lamilamy; masioñe * 25:22 Tsidone: Mañoro, mitsàtsa; mamintañe † 25:23 Dedane: firañetañe; mpizaka ‡ 25:23 Temà: sinda; hafonirañe; figadoñañe § 25:23 Boze: mavoeñe; hinaoke * 25:24 Arabe: mifandrimbo; mandrarake, kinia † 25:25 Zimry: Zimran: sabo; mpisabo; vahe ‡ 25:25 Elame: ajalahy, somondrara; tsikentañe § 25:25 Maday: fanjeheañe; fizakañe; sikiñe * 25:26 Sesake: gony pea folem-bare

31 Inay ty pazake pak’añ’olo’ ty tane toy,
fa manan-kabò amo kilakila’ ndatio
t’Iehovà,
fonga ho zakae’e ze atao nofotse;
ty amo lo-tserekeo,
fa nitolora’e ami’ty fibara,
hoe t’Iehovà.
32 Hoe t’Iehovà’ i Màroy,
Hehe te mionjoñe boak’ am-pifeheañe
pak’am-pifeheañe añe o haratiañeo,
vaho tio-baratse jabajaba ty honjoneñe
boak’ an-tsietoitane’ an-tane atoy añe.
33 Hirik’añ’olo’ty tane toy pak’ añ’ila’ ty tane toy añe o ho zamane’ Iehovào amy
andro zay†; tsy hirovetañe, tsy hambineñe, tsy haleveñe; fa ho forompotse ambone’
tane eo.
34 Mangolalaiha ry mpiarakeo,
naho mangololoiha,
vaho milomoloaña an-davenok’ ao,
ry lohà’ i mpirai-liay
fa tondroke ty androm-pandentañe
naho fampiparatsiahañe anahareo,
ie hivolentsa manahake ty sini-hara.
35 Ho po-pivoratsahañe o mpiarakeo,
tsy eo ty hipitsiha’ o mpiaolo’
i lia-raikeio!
36 Inay ty fikoikoiha’ o mpiarakeo,
naho ty fangololoiha’
o mpiaolo’ i lia-raikeio!
fa nihotomomohe’ Iehovà
ty fiandraza’ iareo.
37 Le hampitsiñeñe o goloboñe nipendreñeo,
ty amy haviñera’ Iehovày.
38 Niavote’e manahake ty liona
i fipalira’ey;
fa kòake ty tane’ iareo ty amy
hasiaha’ i fibara nampisoañey,
naho ty amy fiforoforoan-kaviñera’ey.

# 26

1 Ie tam-baloham-pifehea’ Iehoiakime ana’ Iosia, mpanjaka’ Iehodà, le niheo eo ty
tsara’ Iehovà manao ty hoe: 2 Hoe t’Iehovà: Mijohaña an-kiririsan’anjomba’Iehovà
eo vaho tseizo amo rova’ Iehodà iaby miheo mb’eo hitalaho añ’anjomba’ Iehovào, ze
hene entañe lilieko azo hitaroñañe; leo tsara raike tsy hapo’o. 3 Hera hañaoñe iereo,
songa hiamboho amo sata rati’eo; soa te hihahak’ amy hekoheko nisafirieko hanoeñe
am’ iereo ty amo haloloam-pitoloña’ iareooy. 4 Le hoe ty hanoa’o: Hoe t’Iehovà:
Aa naho tsy mijanjiñe ahy, hañavelo amy Hàke tinaroko añatrefa’ areoy, 5 hitsen-
dreñe i saontsi’ o mpitoky mpitoroko niraheko ama’ areo, nampañampitsoeñe naho
niraheñeo, fe tsy hinao’ areoy; 6 aa le hampanahafeko amy Silò ty anjomba toy, vaho
hanoeko fatse amy ze kila fifeheañe an-tane atoy ty rova toy. 7 Jinanji’ o mpisoroñeo
naho o mpitokio vaho ondaty iabio i tsara nisaontsie’ Iirmeà añ’anjomba’ Iehovày.

† 25:33 Isa 66:16,24, Ben 19:17-21

8 Ie fonga nihenefa' Iirmeà taroñe i nandilia' IEHOVÀ aze ho saontsieñe am' ondaty
iabio, le namihiñe aze o mpisoroñeo naho o mpitokio vaho ze hene ondaty, nanao ty
hoe: Toe havetrake rehe. 9 Ino ty nitokie'o amy tahina' IEHOVÀy ty hoe: Hanahake i
Silo ty anjomba toy, vaho hangoakoake ty rova toy, tsy ho amam-pimoneñe? Le hene
niropak' am' Iieremea ondaty añ'anjomba' IEHOVÀo.
10 Ie nahajanjiñe i hoe zay o roandria' Iehodào, le niakatse ty anjomba' i mpanjakay
vaho nimoak' añ' anjomba' IEHOVÀ ao; niambesatse ami'ty fizilihañe amy lalam-bey
vao' i anjomba' IEHOVÀy eo. 11 Le nisaontsy amo roandriañeo naho amo hene' ondatio
o mpisoroñeo naho o mpitokio, nanao ty hoe: Mañeva havetrake t'indaty tia; amy te
nitokie'e raty ty rova toy, i jinanjin-dravembia' areoy.
12 Le nitaroñe' Iirmeà o roandriañeo naho ze hene' ondaty eo nanao ty hoe: Nirahe'
IEHOVÀ raho hamàtse ty anjomba toy naho ty rova toy amy tsara jinanji' areo iabiy.
13 Avantaño arè o sata' areoo naho o fitoloña' areoo, vaho haoño ty fiarañanaña'
IEHOVÀ Andrianañahare' areo; le hihahak' amy hankàñe nitseiza'e t'IEHOVÀ. 14 Fa
naho zaho, heheke te am-pità' areo; ano amako ze mete naho mahity am-pihaino'
areo. 15 Fe mahafohina an-katò te ie añohofa' areo loza, le ho lio-màliñe ama' areo
naho an-drova atoy vaho amo mpimone'eo; fa toe nirahe' IEHOVÀ ama' areo raho
hivolañe i hene tsara zay an-dravembia' areo ao.
16 Aa le hoe o roandriañeo naho ze hene' ondaty amo mpisoroñeo naho amo
mpitokio: Tsy mañeva ho vonoeñe ondatio; amy te nitaroñe aman-tika ami'ty
tahina'IEHOVÀ Andrianañaharen-tika. 17 Niongak' amy zao ty ila' o androanavi' i
taneio vaho nisaontsy amy fivori' ondatioy nanao ty hoe: 18 Nitoky tañ' andro' i
Kizkià mpanjaka' Iehodà t'i Mika nte-Morasete vaho nitaroñe ty hoe amy ze hene
ondati' Iehodà:
Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy:
Ho rokafeñe hoe hatsake ty Tsione,
naho ho kivotrivotry t'Ierosalaime,
vaho hanahake o ankaboañe añ'alao
ty vohi' i anjombay
19 Nañoho-doza ama'e hao ty Kizkia mpanjaka' Iehodà naho Iehodà iaby? Te mone
nañeveñe am' IEHOVÀ nihalaly ty fañisoha' IEHOVÀ, vaho nihahak' amy fe-hohatse
nitsarae'e am' iereoy t'IEHOVÀ? Aa kera hampivotrahan-tika hankàñe o fiaintikañeo.
20 Teo ka t'indaty nitoky ami'ty tahina' IEHOVÀ, i Orià[*] ana' i Semaia[†], boak'e Kiriate
Iearime; le nitokie'e fatse ty rova toy naho ty tane toy manahake i sinaontsi' Iirmeà
abikey; 21 fa ie nahatsanoñe o enta'eo t'Iehoiakime mpanjaka naho o fanalolahi'e
iabio, naho o roandria'e iabio, le nipay hañoho doza ama'e i mpanjakay; fe
nahajanjiñe zay t'i Oria le nihembañe vaho nivoratsake mb'e Mitsraime mb' eo; 22 le
nampihitrife' Iehoiakime mb'e Mitsraime mb'eo t' indaty; i Elnatane[‡] ana' i Akbore[§]
rekets' ondaty tsy ampeampeo ty nimb'e Mitsraime añe; 23 le nendese' iereo boake
Mitsraime añe t'i Orià naho nasese' iareo am' Iehoiakime mpanjaka; zinevo'e am-
pibara vaho navokovoko'e an-kibori' o ana' ondatio.
24 Fe nañimba Iirmeà ty fità' i Ahikame[*] ana' i Safane[†], tsy nitoloraňe am-
pità'ondatio ho vonoeñe.

# 27

1 Niheo am' Iirmeà ty tsara' IEHOVÀ ami'ty fifotoram-pifehea' Iehoiakime ana' Iosia,
mpanjaka' Iehodà, nanao ty hoe: 2 Hoe t'IEHOVÀ amako: mañamboara bandy naho

[*] **26:20** Oria: IEHOVÀ ro hazavako, ndra afoko [†] **26:20** Semaaia: Mahajanjiñe IÀ; mañorik' aze [‡] **26:22** Elnatane: Tamben'Añahare [§] **26:22** Akbore: Valavo; mamonotroboke [*] **26:24** Ahikame: longo mañonjoñe, mamale-fate [†] **26:24** Safane: bitro; valavo ly; soñi' iareo

joka, le ano ampititia'o eo; 3 naho ampañitrifo amy mpanjaka' i Edomey* naho amy
mpanjaka' i Moabey, naho amo ana' i Amoneo, naho amy mpanjaka' i Tsorey, vaho
amy mpanjaka' i Tsidoney am-pità' o niraheñe mb'amy Tsidkia mpanjaka' Iehodà
e Ierosalaime mb'etoio; 4 vaho ampitaroño amo talè'eo iereo hinday ty hoe: Hoe
t'IEHOVÀ' i Màroy, i Andrianañahare' Israeley: Saontsio ty hoe o talè' areoo: 5 Zaho
ty namboatse ty tane toy, ondatio naho o biby an-tarehe' ty tane toio ami'ty haozarako
ra'elahy naho an-tañako natorakitsy; vaho hatoloko ami'ty atao mahity a' masoko.
6 Ie amy zao fa natoloko am-pità' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele, mpitoroko, o
tane iaby retoañe; vaho hatoloko aze ka o hare an-kivokeo hitoroñe aze. 7 Le hitoroñe
aze naho i ana'ey vaho i zafe'ey ze kila' fifeheañe ampara' te tondroke ty andro' i
tane'ey; vaho hondevoze' ty tane maro naho mpanjaka ra'elahy.
8 Ie amy zay, ze fifeheañe naho fifelehañe mifoneñe tsy hitoroñe i Nebokadnetsare
mpanjaka' i Bavele, vaho tsy hanolotse ty fititia'e ambane' ty joka' i mpanjaka' i
Baveley: le ho tiliheko am-pibara naho an-kasalikoañe vaho angorosy i fifeheañey,
hoe t'IEHOVÀ, ampara' te nampangotomomoheko am'pità'e. 9 Aa inahareo, ko haoñe'
areo o mpitoki' areoo naho o mpañandro' areoo naho o mpañinofi' areoo naho o
mpisikili' areoo vaho o jini' areo manao ama' areoo ty hoe: Tsy ho toroñe' areo i
mpanjaka' i Baveley; 10 amy t'ie mitoky vande, hampisitahañe anahareo lavitse ty
tane' areo; zaho ty handroake anahareo mb'eo, hivetrake añe. 11 Fe ze fifelehañe
minday ty fititia'e ambane' ty joka' i mpanjaka' i Baveley, naho mitoroñe aze, le
hengako hidoñe amy tane'ey i fifelehañe zay, hoe t'IEHOVÀ; le havae'e vaho himoneñe
ao. 12 Aa le hene vinolako amy Tsedkià mpanjaka' Iehodà i tsaray, ami'ty hoe,
Ampiambaneo ami'ty jokam-panjaka' i Bavele ty fititia' areo, vaho itoroño naho
ondati'eo, le miveloma. 13 Ino ty hikoromaha'o, ihe naho ondati'oo, ami'ty fibara,
ty hasalikoañe, vaho ty angorosy, amy nitsarae' IEHOVÀ amy ze fifeheañe tsy mete
hitoroñe ty mpanjaka' i Bavele? 14 Aa le ko haoñe' areo o enta' i mpitoky misaontsy
ama' areoio ty hoe: Tsy hitoroñe ty mpanjaka' i Bavele nahareo. Ie mpitoky
mandañitse ama' areo. 15 Amy te tsy niraheko, hoe t'IEHOVÀ, ie mitoky vìlañe ami'ty
añarako, soa te ho roaheko añe vaho hikorokomake, inahareo rekets' o mpitoky
mitoky ama' areoo. 16 Nivolañeko ka o mpisoroñeo, naho ondaty iaby retoa ty
hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Ko mañaoñe ty saontsi' o mpitoki' areo ie mitoky ty hoe: Ingo,
fa hampolieñe boak'e Bavele añe aniany o fingan' anjomba' IEHOVÀio, f'ie mitoky
vande. 17 Ko ijanjiñañe; toroño ty mpanjaka' i Bavele, le miveloma, fa akore te
hampangoakoaheñe ty rova toy? 18 Aa naho toe mpitoky iereo, naho am' iereo ao
ty tsara' IEHOVÀ, le ehe t'ie hihalaly am' IEHOVÀ' i Màroy henaneo, te tsy hasese e
Bavele añe o fanake sisa amy anjomba' IEHOVÀy naho amy anjomba' i mpanjaka'
Iehodày vaho e Ierosalaimeo. 19 Fa hoe t'IEHOVÀ' i Màroy ty amo fahañeo naho i
riakey naho o fototseo naho ze harao'e ila'e mbe an-drova atoa; 20 o tsy nendese' i
Nebokadnetsare mpanjaka' i Baveleo, ie nasese'e boak' Iersosalaime ao pake Bavele
añe an-drohy t'Iekonia ana' Iehoiakime, mpanjaka' Iehodà naho o roandria' Iehodà
naho Ierosalaimeo; 21 eka, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, o fanake sisa añ' anjomba' IEHOVÀ
ao naho añ' anjomba' i mpanjaka' Iehodà Ierosalaimeo; 22 toe hendeseñe mb'e Bavele
mb'eo, le hidoñe añe ampara' ty andro hitilihako iereo, hoe t'IEHOVÀ, zay vaho
hakareko boak' ao le hampoliko mb'an-toetse atoy.

# 28

1 Aa ie tamy taoñey avao, amy fifotoram-pifehea' i Tsidkia mpanjaka' Iehodày,
amy volam-paha lime' i taom-pahefatsey, le nisaontsy amako añ' anjomba' IEHOVÀ ao

* **27:3** Edome: lio mena, hoe hamenan-tane.

añatrefa' o mpisoroñeo naho ondaty iabio t'i Kananiaho*, ana' i Azore†, mpizaka nte-
Gibone‡, nanao ty hoe: 2 Hoe ty enta' IEHOVÀ' i Màroy, Andrianañahare' Israele, Fa
pinozako i jokam-panjaka' i Baveley; 3 añate' ty roe taoñe do'e le fonga hampoliko an-
toetse atoy ze fana' i anjomba' IEHOVÀy nakare' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele
an-toetse atoy naho nendese'e mb'e Bavele añe, 4 vaho hampoliko an-toetse atoy
t'Iekonia, ana' Iehoiakime, mpanjaka' Iehodà naho o mpirohi' Iehodà iaby nasese
mb'e Bavele mb'eoo hoe t'IEHOVÀ; toe hampipozaheko i jokam-panjaka' i Baveley.
5 Aa le hoe t'Iirmeà mpitoky amy Kananiaho mpitoky añatrefa' o mpisoroñeo naho
aolo ze hene ondaty nijohañe añ' anjomba' IEHOVÀ eo, 6 hoe t'Iirmeà mpitoky: Ie zay!
ehe te hanoe' IEHOVÀ zay! ehe te ho henefe' IEHOVÀ o saontsy tinoki'oo, te hampoli'e
o fana' i anjomba' IEHOVÀio, naho ie iaby nasese an-drohy mb'eo rezay, boake Bavele
pak' an-toetse atoy! 7 Fe janjiño hey ty tsara ho taroñeko an-dravembia'o, naho an-
dravembia' ondaty iabio: 8 O mpitoky taoloko naho taolo'o haehaeo ro nitoky fatse
ami'ty fifeheañe maro, naho fifelehañe jabajaba ty ami'ty aly naho hankàñe vaho
angorosy. 9 Ty mpitoky mitoky fierañerañañe, ie tondroke ty saontsi' i mpitokiy, le
ho fohiñe te toe nirahe' IEHOVÀ i mpitoky zay.
10 Aa le rinambe' i Kananiaho am-pititia' Iirmeà eo i boday vaho pinoza'e,
11 vaho nilañoñe añatrefa' ondaty iabio t'i Kananiaho nanao ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ,
Hambañe amy zay ty hampipozahako am-pititia' o kilakila' ndatio añate' ty taoñe roe
garagadoñe ty joka' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele. Le nisitak' iareo t'Iirmeà.
12 Aa ie nandimbe i nampipozahe' i Kananiaho am-pititia' Iirmeà mpitoky i jokaiy,
le niheo am' Iirmeà ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 13 Akia, saontsio amy Kananiaho
ty hoe, Hoe t'IEHOVÀ: Fa pinoza'o o joka hataeo; fe hamboare'o joka viñe hasolo
aze. 14 Le hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, i Andrianañahare' Israeley: Fa napoko am-pititia'
o fifeheañe iaby retoa ty joka viñe hitoroña' iareo i Nebokadnetsare mpanjaka' i
Bavele; toe hitoroñe aze iereo vaho natoloko ama'e ka o hare an-kivoke eio. 15 Le
hoe t'Iirmeà mpitoky amy Kananiaho mpitoky: Mahajanjiña hey ry Kananiaho; tsy
nañirak' azo t'IEHOVÀ; vaho ampiatoa'o ami'ty vande ondaty retoa. 16 Aa le hoe
t'IEHOVÀ: Inao! hiraheko hiakatse ty tarehe' ty tane toy rehe; toe hihomak' ami'ty
taoñe toy ty amy tarom-piolañe nanoe'o am' IEHOVÀy. 17 Aa le nikoromak' amy volam-
paha-fito' i taoñeiy avao t'i Kananiaho mpitoky.

# 29

1 Intoy ty enta' i taratasy nampihitrife' Iirmeà mpitoky boak' Ierosalaime mb'amo
sehangan-droandriañe an-drohy añe naho amo mpisoroñeo naho am'ondaty iaby
nasese' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele mb'am-pandrohizañe añe boak'
Ierosalaime ao mb'e Bavele añeo, 2 ie fa nienga' Ierosalaime t'Iekonia mpanjaka naho
i rene-mpanjakay naho o mpifelekeo, naho o roandria' Iehodà naho Ierosalaimeo
naho o mpandranjio vaho o mpanefeo, 3 am-pità' i Elasà*, ana' i Safane ana' i
Gemarià†, ana' i Kelkià nirahe' i Tsidkia mpanjaka' Iehodà mb' amy Nebokadnetsare
mpanjaka' i Bavele, nanao ty hoe: 4 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, t'i Andrianañahare'
Israele, amo mpirohy iabio, o nampaneseko an-drohy boak' Ierosalaime mb'e Bavele
mb'eoo: 5 Andranjio anjomba le imoneño, amboleo an-koboñe ao vaho ikamao ty
voka'e; 6 mañengà valy naho misamaha ana-dahy naho anak'ampela; androroto
enga-vao o ana-dahi' areoo le atoloro amo mpañengao ty anak' ampela' areo,
hisamaha' iareo ana-dahy naho anak' ampela; vaho manaranaha añe fa ko miketrake.
7 Ampanintsiño i rova nampaneseko anahareo an-drohiy vaho mihalalia am' IEHOVÀ

* 28:1 Kananiaho: falalàñe; tretre; ravoravo' Ia † 28:1 Azore: mpañolotse; oloreñe ‡ 28:1 Gibone: Ankaboa; fitovy; ze onjoneñe * 29:3 Elasà: ty fitoloñan'Añahare † 29:3 Gemarià: Fahafonira' IEHOVÀ

ho aze; amy te i fierañeraña'ey ty hierañeraña' areo. 8 Fa hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
i Andrianañahare' Israeley; Ko apo' areo hamañahy anahareo o mpitoky naho
mpañandro añivo' areoo, vaho ko haoñe' areo o nofy nampañanofiseñe iareoo. 9 Ie
mitoky vìlañe ama' areo ami' ty añarako; fa tsy niraheko, hoe t'IEHOVÀ.
10 Aa hoe t'IEHOVÀ: Ie heneke ty fitompolo taoñe e Bavele ao, le ho tiliheko naho
hanoeko i hasoa nivolañeko ama' areoy, t'ie hampoliko an-toetse atoy.
11 Toe apotako ty fisafiriako ho anahareo, hoe t'IEHOVÀ,
fisafiriam-pierañerañañe fa tsy hankàñe, hanolorako fitamàn-tsoa naho fisalalàñe.
12 Hikanjy ahy nahareo,
le hombeo raho;
hihalalia'areo, vaho ho tsanoñeko.
13 Hipay ahy le ho rendre' areo
naho mitsoek' an-kaampon' arofo‡.
14 Ho oni' areo raho, hoe t'IEHOVÀ,
naho hafoteko ty fandrohizañe anahareo, naho hatontoko boak' amo hene tane naho hirik' amo toetse iaby
nandroahako anahareoo, hoe t'IEHOVÀ; le hampoliko mb'amy toetse nampaneseko anahareo mb'am-pandrohizañey.
15 Ami'ty natao' areo ty hoe: Fa nampitroara' IEHOVÀ mpitoky e Bavele ao tika.
16 Aa hoe t'IEHOVÀ ty amy mpanjaka miambesatse am-piambesa' i Davidey naho ty
am'ondaty iaby mpimoneñe an-drova atoio, o rolongo' areo tsy nindre nienga ama'
areo mb' am-pandrohizañ' añeo, 17 hoe t'IEHOVÀ' i Màroy: Inao te hampañitrifeko am'
iereo ty fibara, ty hasalikoañe, naho ty angorosy, vaho hampanahafeko ami'ty sakoa
mangeñe tsy mete haneñe ty amy haratia'ey; 18 naho horidañeko am-pibara naho
saliko naho kiria naho hampandronje-ronjèko mb'amy ze kila fifehea' ty tane toy ho
fatse naho halatsañe, ho fikosihañe, vaho fañinjeañe amo fifelehañe iaby niroaheko
iareoo; 19 amy t'ie tsy nanaoñ' o volakoo, hoe t'IEHOVÀ, ie nañitrifako o mpitoky
mpitorokoo, nañaleñaleñe te namantoke, f'ie tsy nimete nijanjiñe, hoe t'IEHOVÀ.
20 Aa le mijanjiña ty tsara' IEHOVÀ ry am-pandrohizañe añe iaby nampaneseko boak'
Ierosalaime mb'e Bavele mb'eoo. 21 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, t'i Andrianañahare'
Israele, ty amy Akabe§ ana' i Kolaià, naho i Tsidkià ana' i Maaseià*, i mitoky
vande ama' areo aman' añarako rey: Inao t'ie haseseko am-pità' i Nebokadnetsare
mpanjaka' i Bavele; vaho ho vonoe'e añatrefam-pihaino' areo; 22 le ho toñone' ze
hene mpirohi' Iehodà e Bavele ao ty fatse ami'ty hoe: Hanoe' IEHOVÀ hambañe amy
nanoa'e amy Akabe naho amy Tsidkià, i nampiforototoe' ty mpanjaka' i Bavele añ'afo
ao rey; 23 amy t'ie nitoloñe haloloañe e Israele ao, naho nanao hakarapiloañe amo
tañanjomban-drañe'eo naho nisaontsy vìlañe ami'ty añarako, f'ie tsy nandiliako; toe
maharendreke raho naho mahatalily, hoe t'IEHOVÀ.
24 Le ty amy Semaià† nte-Nekelamý‡, isaontsio ty hoe, 25 Hoe ty nafè' IEHOVÀ' i
Màroy, i Andrianañahare' Israeley: Amy te ihe nanokitse taratasy ami'ty añara'o
amy ze hene' ondaty e Ierosalaime ao naho amy Tsefanià ana' i Maaseià mpisoroñe,
vaho amo mpisoroñe iabio, nanao ty hoe: 26 Fa nanoe' IEHOVÀ mpisoroñe rehe hisolo'
Iehoiada§ mpisoroñe, soa te ho amam-pisary ty añ' anjomba' IEHOVÀ ty amy ze
dagola mitoky, hampijoñe aze am-balabey naho an-dongòk' ao. 27 Aa vaho akore
te tsy nendaha'o t'Iirmeà nte-Anatote, ie manao ho mpitoky ama' areo, 28 naho
nampañitrife'e ama'ay e Bavele atoy ty hoe: Mbe ho ela ty fandrohizañe; mandranjia
anjomba, le imoneño; le mambolea an-godoboñe ao vaho kamao ty voka'e?

‡ **29:13** Its 4:29, 24:7, 30:10, Ioe 2:12 § **29:21** Akabe: Rahalahin-drae * **29:21** Maaseia: sata' IEHOVÀ † **29:24** Semaià: mpijanjiñe naho mpañorike IÀ ‡ **29:24** Nekelamý: mpañinofe; hevohevo § **29:26** Iehoiada: ty fahafoinañe IEHOVÀ

[29] Le vinaki' i Tsefanià mpisoroñe an-dravembia' Iirmeà mpitoky i taratasy zay.
[30] Niheo am' Iirmeà amy zao ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: [31] Ampisangitrifo amo hene am-pandrohizañeo ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ ty amy Semaià nte Nekelamý: Amy te nitoky ama' areo t'i Semaià, f'ie tsy niraheko, vaho nampiantofa'e anahareo ty haremborake, [32] le hoe t'IEHOVÀ: Inao! ho liloveko t'i Semaià nte Nekelamý naho o tiri'eo; ie tsy hanañe ty hitrao-pimoneñe am' ondaty retoa, vaho tsy ho isa'e ty soa hanoeko am' ondatikoo, hoe t'IEHOVÀ; ty amo fiolañe tinaro'e am' IEHOVÀo.

# 30

[1] Ty tsara niheo am'Iirmeà boak' am' IEHOVÀ, manao ty hoe: [2] Inao ty nitsara' IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele: Sokiro am-boke ao ze hene tsara nitaroñeko ama'o.
[3] Amy te ho tondroke ty andro, hoe t'IEHOVÀ, te hafoteko ty fandrohiza' ondatiko Israele naho Iehodao, hoe t'IEHOVÀ; le hampoliko mb'amy tane natoloko aman-droae' iareoy, vaho ho fanaña' iareo. [4] Le iretoañe o entañe nitsarae' Iehova am' Israele naho am' Iehodao. [5] Hoe t'IEHOVÀ:
Toe nahajanjiñe feom-pihondrahondrañe, naho fangebahebañan-jahay,
fa tsy fanintsiñañe.
[6] Añontaneo henaneo, maharendreha hera misamake ty lahilahy;
akore arè te treako
mitam-pisafoa manahake
ty rakemba mitsongo ondaty iabio,
ie sindre miha-fosaposatse
o laharañeo?
[7] Hoy abey ty hara'elahi' i àndroy,
tsy añirinkiriñañe,
ho andron-kankàñe am'Iakobe,
f'ie ho rombaheñe ama'e.
[8] Ho tondrok' amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, te hampipozaheko am-
pititia'o ty joka'e, naho ho rafadrafateko o rohi'oo; vaho tsy hañondevo azo ka ty
ambahiny; [9] fe songa hitoroñe IEHOVÀ Andrianañahare'e naho i Davide mpanjaka'e,
ie hampitroareko ho a iareo.
[10] Aa le ko hemban-drehe
ry Iakobe mpitoroko, hoe t'IEHOVÀ;
naho ko lonjetse, ry Israele;
fa toe ho rombaheko
boake tsietoitane añe,
naho ty tiri'o boak' an-tanem-
pandrohizañe añe,
le himpoly t'Iakobe naho hianjiñe
naho hierañerañe,
vaho tsy eo ty hañembañe aze.
[11] Amy t'ie indrezako, hoe t'IEHOVÀ,
handrombahako;
le ho fonga mongoreko o fifeheañe nampiparatsiahako azoo,
fa tsy hampigadoñeko ka rehe;
te mone ho lafaeko ami'ty hatò,
vaho tsy ho rotsaheko ho mongotse*.
[12] Aa hoe t'IEHOVÀ:
Toe tsy lefe jangañeñe ty farare'o,
vaho mahaferenaiñe o fere'oo.
[13] Tsy eo ty mihalaly ho azo,

* **30:11** Iir 46:28, Isa 34:2, 45:17, Amo 9:8,

hampibandiañe o naratseo,
tsy amañ'aoly mahamelan-drehe.
14 Songa nañaliño azo o sakeza'oo,
tsy ipaia'iareo; fa vinonotroboko
hoe zinevo' ty rafelahy,
ami'ty fandafam-pampisoañe;
ami'ty hajabajaba' o hakeo'oo
ami'ty fitoabora' o tahi'oo.
15 Ino ty ikoikoiha'o ty hasilofa'o,
tsy mete mitotòtse o rare'oo,
fa ty haloza' o hakeo'oo,
vaho ty hamaro' o tahi'oo
ty nanoako ama'o o raha rezao.
16 F'ie songa habotseke
o mampibotsek' azoo,
naho o rafelahi'o iabio,
sindre hasese am-pandrohizañe añe;
naho ho fikopahañe o mikopak' azoo,
vaho fonga hatoloko ho tsindroheñe
ze mitsàtsa azo.
17 Hampijangañeko,
vaho ho melañeko o fere'oo,
hoe t'IEHOVÀ;
amy te natao' iareo
añombe-lahy mavo rehe ami'ty hoe:
Ty Tsione, ie tsy paia'ondatio.
18 Aa hoe t'IEHOVÀ:
Inao! hafoteko ty fandrohizañe
o kiboho' Iakobeo,
naho ho ferenaiñeko o kivoho'eo;
naho hamboareñe ambone' i tamboho'ey i rovay,
vaho hajadoñe amy toe'ey
eo i anjombay.
19 Hiboak'am'iereo ty fañandriañañe,
naho ty fiarañanaña' o mifaleo;
vaho hampitomboeko fa tsy haketrake,
hampiraoraoeko iereo le tsy ho kede.
20 Hanahake te taolo o ana'eo,
naho hioreñe aoloko eo
ty valobohò' iareo,
vaho fonga ho liloveko
ze mamorekeke iareo.
21 Ho raik' am'iereo ty mpiaolo' iareo,
naho ho hirik' am'iereo ao ty mpifehe' iareo; naho hampañarineko amako re,
toe ie ty hañarivo ahy;
fa ia ty hahavany hitotok' amako? hoe t'IEHOVÀ.
22 Ho ondatiko nahareo, vaho
ho Andriananañahare' areo raho.
23 Heheke ty talio-lahi' IEHOVÀ, fa mionjoñe mb'eo ty filoroloroa'e, tangololahy mikafoakafoake;
miviombio ami'ty loha' o lo-tserekeo.

24 Tsy hibalike ty haviñerañe miforoforo' IEHOVÀ, ampara' te nihenefe'e naho sikal'amy te fonitse i nisatrien' arofo'ey;
ho rendre' areo zay amo andro honka'eo†.

# 31

1 Amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ,
le ho Andrianañahare' ze hene fifokoa'
Israele raho, vaho h'ondatiko iereo.
2 Hoe t'IEHOVÀ:
Nitendreke falalàñe am-patrambey añe ondaty nasisa' i fibaraio,
fa naseseko mb'am-pitofa'e
mb'eo t'Israele.
3 Niheo amako t'IEHOVÀ
boak' an-tsietoitane añe. nanao ty hoe: Eka, fa nikokoako rehe
am-pikokoañe tsy ho modo;
zay ty nitaonako azo
an-kafatraram-pikokoañe.
4 Hamboareko indraike
le ho fonireñe rehe
ry somondrara' Israele;
ho tintine'o indraike o kantsà'oo,
naho hionjo-mb'an-tsinjake
mindre amo mpifaleo.
5 Hambole vahe amo vohi' i Someroneo indraike nahareo;
hitongy o mpitongio,
vaho hifale t'ie mahatoly sabo.
6 Ho tondroke ty andro,
te ho koihe' ty mpijilo ambohi'
i Efraime ey, ty hoe:
Miavota, antao hionjo
mb'e Tsione, mb'am' IEHOVÀ
Andrianañaharen-tika mb'eo.
7 Fa hoe t'IEHOVÀ:
Misabòa an-kafaleañe r'Iakobe,
vaho mikoiha añivo o beim-pifeheañeo; Mitaroña, mandrengea, le ano ty hoe:
Ry IEHOVÀ, rombaho ondati'oo,
i sehanga' Israeley.
8 Oniño t'ie hendeseko boak'an-tane
avaratse añe,
hatontoko boak'añ'olo' ty tane toy,
rekets' o goao naho o kepekeo,
o savereñe rekets' ana'eo,
vaho o mitsongo fa hisamakeo—
valobohòke jabajaba ty himpoly mb'atoy.
9 Ie homb' atoy an-kololoike,
le hiaoloako an-kohò;
hampombako mb'añolon-torahañe mikararake mb'eo,
an-dalam-bantañe tsy hahatsikapy;
amy te rae' Israele raho,
naho tañoloñoloñako t'i Efraime.
10 Mahajanjiña ty tsara' IEHOVÀ,
ry fifeheañeo, vaho tseizo amo tokonose tsietoitaneo

† **30:24** Iir 23:20

ty hoe: I nampivarakaike Israeley
ro manontoñe aze, naho mañotroñ'aze manahake ty fañotroña'
ty mpiarake i lia-rai'ey.
11 Amy te vinili' IEHOVÀ ty fiai'Iakobe,
naho jineba'e am-pità'
i maozatse te ama'ey.
12 Aa le homb' atoy iereo hisabo
an-kaboa' i Tsione ey,
naho hiloeloe ami'ty hasoa' IEHOVÀ;
ami'ty mahakama, naho ami'ty divay
naho ami'ty menake, ami'ty tora' o lia-raike naho mpirai-trokeo;
le ho goloboñe soa tondrake ty fiai' iareo, vaho tsy hinike ka.
13 Ie amy zay, hisalale an-tsinjake
ty somondrara,
naho hitraok' ami'ty bey ty ajalahy;
ie hafoteko ho hafaleañe
ty fioremeña' iareo,
naho hohoñeko,
vaho ho limbezeko firebehañe
ty fihontofa' iareo.
14 Ho liporeko solike
ty arofo' o mpisoroñeo,
vaho hahaeneñe ondatikoo o hasoakoo, hoe t'IEHOVÀ.
15 Hoe t'IEHOVÀ:
Inay ty fiarañanañañe e Ramà* añe,
fangololoihañe naho firovetañ'afero,
Angoihoie' i Rakele† o amori'eo;
tsy mete ohoñen-dre ty amo ana'eo,
amy t'ie tsy eo.
16 Hoe t'IEHOVÀ: Kalaño ty fiarañanaña'o
tsy hirovetse, naho
o fihaino'oo tsy hitsirike ranomaso;
fa ho tambezañe ty fitromaha'o,
hoe t'IEHOVÀ; vaho himpoly
boak' an-tane' i rafelahiy iereo.
17 Aman-ko tamaeñe o herone'oo,
hoe t'IEHOVÀ;
le himpoly an-tane' iareo o ana' areoo.
18 Toe tsinanoko ty fikoaiha' i Efraime:
Fa linafa'o,
toe finiake hoe dronga tsy folake,
ampitoliho raho le ho tafa-tolike,
amy te Ihe ro IEHOVÀ
Andrianañahareko.
19 Aa ie nampitolihen-draho le nisoloho,
ie nanaren-draho le pinaoko ty feko;
nisalatse, eka nimeñatse,
amy te tsy nivavèko ty injen-katorako.
20 Anak'isoko hao t'i Efraime?
Ajaja nahasinda hao re?

---

* **31:15** Ramà: mionjoñe; pendreñe † **31:15** Rakele: Vali' Iakobe; añondry

Fa beteke mivolañe aze raho,
le vata'e tiahiko;
mikoritoke ho aze ty troko,
vaho ho tretrezeko, hoe t'IEHOVÀ.
21 Añoreño fanoroañe,
ampijadoño bodam-pamantarañe;
reketo mb'amy damokey ty arofo'o,
i lalañe nomba'o mb'eoy;
mimpolia ry somondrara' Israele,
mibaliha mb'amo rova'o retoañe.
22 Ampara' te ombia t'ie hiamboho,
ry anak'ampela midisa-volio?
Fa namboatse raha vao an-tane atoy t'IEHOVÀ:
Ho tsikarikarie' ty ampela ty lahilahy.
23 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, t'i Andriananañahare' Israele: Mbe hindrai' iareo an-tane'
Iehodà ao naho amo rova'eo, ie hafoteko ty fandrohizañe iareo, ty saontsy manao ty
hoe:
Hitahy azo t'IEHOVÀ,
ry kivohon-kavantañañe,
ry vohin-kamasiñañe.
24 Songa hitrao-pimoneñe ao t'Iehodà, vaho amo rova'eo o mpitongio naho o
mpiarake lia-raikeo. 25 Fa hanjañeko ty fañova mokotse le hampieneñeko ty sandry
mitìke. 26 Nitsekak' amy zao raho le nañente, vaho nimamy amako i firoroakoy.
27 Inao! ho tondroke ty andro, hoe t'IEHOVÀ, te ho tongiseko ami'ty tabiri' ondaty
naho ami'ty tabirin-kare ty anjomba' Israele naho Iehodà. 28 Ie amy zao, hambañe
amy nisarieko iareo ho voroteñe naho harotsake vaho ho silofeñey; ty hisarieko iareo
hamboareñe naho hamboleñe, hoe t'IEHOVÀ. 29 Tsy ho saontsie' iereo ka amy andro
zay te
Nikama valoboke mìtsa ty roae,
vaho mangitsy ty nife' o ana'eo.
30 F'ie fonga hampihomahe' o hakeo'eo; ze ondaty mikama valoboke mìtsa, le o
famotsi'eo ty hangìtsy.
31 Inao, ho tondroke ty andro, hoe t'IEHOVÀ te hanoeko fañina vao amy anjomba'
Israeley naho i anjomba' Iehodày‡; 32 tsy hanahake i fañina nilahareko an-droae'
iareo tañ'andro nitanako am-pitàñe nañakarako iareo an-tane Mitsraimey; ie nivalik'
amy fañinakoy, ndra t'ie nitañanjomba' iareo§, hoe t'IEHOVÀ. 33 Fe zao ty fañina
hanoeko amy anjomba' Israeley naho fa modo i andro rezay, hoe t'IEHOVÀ, hapoko
añ'ova' iareo ao ty Hàke le ho sokireko añ'arofo' iareo ao; naho ho Andriananañahare'
iareo raho vaho h'ondatiko iereo; 34 tsy songa hifañoke ka ondatio naho o rañe'eo
ami'ty hoe: Mahafohina IEHOVÀ fa hene hahafohiñe ahy, mifotots' an-tsitso'e pak'
ami'ty bey hoe t'IEHOVÀ; fa hapoko ty tahi' iareo le tsy ho tiahiko ka o hakeo' iareoo.
35 Hoe t'IEHOVÀ,
mpanolotse i àndroy hañazava ty andro,
naho o fepè' i volañey vaho o vasiañeoo
ho failo amo haleñeo,
i mpitrobo i riakey,
hampitroñañe o onjao,
IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e.
36 Naho mienga tsy ho añatrefako

‡ **31:31** Heb 8:8-12, 10:16-17 § **31:32** Ies 54:5, 56:5, Iek 16:8, Hos 2:19 Jao 3:29, Ko II 11:2-3, Efe 5:25-27, Ben 3:12, 19:8

i fañè rezay, hoe t'IEHOVÀ,
le hijihetse tsy ho fifeheañe
aoloko eo ka ty tiri' Israele.
37 Hoe t'IEHOVÀ:
Naho lefe zeheñe i likerañey, naho
mete tsikaraheñe o mananta' ty tane toio,
zay vaho haitoako ka ze hene tiri' Israele
ty amo fonga sata' iareoo, hoe t'IEHOVÀ.
38 Inao te ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ,
te hamboareñe ho a IEHOVÀ
i rovay boak' am-pitalakesañ'abo
i Kanànele*, pak' an-dalambein-kotsokey.
39 Mbore ho kozozoteñe mahity mb'an-
kaboa' i Garebe† i taly fanjeheañey,
vaho hiolake mb'e Goà‡ mb'eo.
40 Le havaheñe am' IEHOVÀ
i hene vavatanen-dolo naho lavenokey,
naho o teteke iaby pak' an-toraha' i
Kidroney§ mb'eo, pak' an-kotso'
i lalambein-tsoavala mianiñanañeio;
ie tsy hombotañe ka, tsy hafetsake
ambane nainai'e kitro añ'afe'e.

# 32

1 Niheo am' Iirmeà amy taom-paha-folo' i Tsedkià mpanjaka' Iehodày, an-taom-
paha-folo-valo-ambi' i Nebokadnetsare, ty tsara' IEHOVÀ. 2 Ie amy zay namalavalañe
Ierosalaime o lahin-defo' i mpanjaka' i Baveleio, vaho hinily an-kiririsa' o mpigarit-
seo, añ'anjomba' i mpanjaka' Iehoday t'Iirmeà; 3 amy te nagabe' i Tsidkia, mpanjaka'
Iehodày, ao ami'ty hoe: Ino ty itokia'o ami'ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Inao! hatoloko am-
pità' ty mpanjaka' i Bavele ty rova toy vaho ho tavane'e; 4 naho tsy hipolititse am-
pità' o nte-Kasdio t'i Tsidkia mpanjaka' Iehodà, te mone hasese am-pitàm-panjaka'
i Bavele ao, naho hisaontsy ama'e, falie am-palie, vaho hahaisake o fihaino'eo o
fihaino'eo, 5 le ho tantalie'e mb'e Bavele mb'eo t'i Tsidkia, vaho hadok' añe ampara'
te tiliheko, hoe t'IEHOVÀ; le tsy hiraorao nahareo naho hialy amo nte-Kasdio.
6 Aa le hoe t'Iirmeà, Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 7 Ingo homb'
ama'o mb'eo t'i Kanemeale*, ana' i Salome rahalahin-drae'o hanao ty hoe: Vilio ho
azo ty tondako e Anatote añe; amy te azo ty zom-pijebañe hañavake aze.
8 Aa le niheo amako t'i Kanemeale ana-drahalahin-draeko an-kiririsam-pigaritse ty
amy tsara' IEHOVÀ nanao amako ty hoe: Ehe, kalò i tondako e Anatote aoy, an-tane' i
Beniaminey; amy te azo ty zom-pandova, le azo ty fijebañañe aze, ivilio ho azo.
Ie amy zao, napotako te nitsarae' IEHOVÀ, 9 le viniliko amy Kanemeale ana-
drahalahin-draekoy i tonda e Anatotey vaho linanjako ama'e ty drala'e, sekelem-
bolafoty folo-fito' amby. 10 Pinateko amy zao i takelakey le liniteko naho nikoike
valolombeloñe vaho linanjako ama'e am-balantsy i volafotiy. 11 Le rinambeko i
takelam-pikaloañey, i linitey rekets' o fañèo naho o fepè'eo naho i misokakey
12 vaho natoloko amy Baroke† ana' i Nerià‡, ana' i Makseià i takelam-pikaloañey
am-pahaisaha' i Kanemele ana-drahalahin-draekoy, naho añ'atrefa' o valolombeloñe

* 31:38 Kanànele: falalañe; tamben'Añahare † 31:39 Garebe: Olatse ‡ 31:39 Goà: ty fitsapa'e; ty fitroña'e
§ 31:40 Kidrone: lompolompo, mampanahelo * 32:7 Falalan'Añahare † 32:12 Baroke: I tahie'ey ‡ 32:12
Nerià: jiro, fanilo' IEHOVÀ

nanonia’ i takelam-pikaloañeio, vaho aolo’ ze hene nte-Iehodà niambesatse an-
kiririsam-pigaritse eo.
13 Le nafantoko añatrefa’ iareo t’i Baroke ami’ty hoe: 14 Hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy,
t’i Andrianañahare’ Israele: rambeso o takelam-pikaloañe retoy, o liniteo, naho
o takelam-pikaloañe misokakeo, vaho apoho am-po sini-hara ao, hahareta’e andro
maro. 15 Ami’ty nafè’ IEHOVÀ’ i Màroy, t’i Andrianañahare’ Israele, te: Mbe hikaloañe
naho handetahañe an-tane atoy indraike o anjombao, o tondao, vaho o tanem-baheo.
16 Aa naho fa natoloko amy Baroke ana’ i Nerià i takelam-pikaloañe rey, le nihalaly
am’ IEHOVÀ raho ami’ty hoe: 17 Eka, ry Talè, IEHOVÀ! Toe nitsenè’o an-kaozara’o
jabahinake naho am-pità’o natorakitsy i likerañey naho ty tane toy; tsy eo ty sarotse
tsy lefe’o; 18 Ihe mpampiboake fiferenaiñañe ami’ty arivo naho mañondroke ty
hakeon-droae añ’arañа’ o anake manonjohi’ iareoo; ry Andriañahare ra’elahy naho
maozatse, IEHOVÀ’ i Màroy ty tahina’e; 19 foloaingitrok’ am-pañeretañe, manjofak’
am-pitoloñañe; mibolanak’ amo sata’ ondaty iabio o fihaino’oo, songa hanambeza’o
mira ami’ty vokam-pitoloña’e; 20 ie nampipoha’o viloñe naho raha tsitantane an-tane’
Mitsraime añe, naho pake henane e Israele ao naho am’ondatio, vaho nahazoa’o
Tahinañe, le ie henanekeo. 21 Nakare’o am-biloñe naho halatsañe boak’ an-tane
Mitsraime añe ondati’oo, am-pitañe maozatse naho an-tsirañe natorakitsy vaho an-
karevendreveñañe mampangebahebake; 22 naho nitolora’o o tane atoio, i nifantà’o
an-droae’ iareo hanolorañe iareoy, tane orikorihen-dronono naho tantele; 23 vaho
nimoak’ ao iereo nandrambe aze; f’ie tsy nañaoñe ty fiarañanaña’o naho tsy
nañavelo amo Fanoroa’oo; Leo raike ty nanoe’ iareo amo hene nililia’oo; aa le
nampifetsaha’o o fonga hekoheko zao; 24 heheke o tambohoo, fa nimoak’ an-drova
atoy o hitavañe azeo; fa natolotse am-pità’ o nte-Kasdy mialy ama’eo ty rova toy; toe
fa tondroke i tsinara’o rezay; le hehe te vazoho’o. 25 Fe hoe Rehe tamako, ry Talè,
IEHOVÀ, Ikalò an-drala i tetekey, naho koiho ty valolombeloñe; le hehe fa natolotse
am-pità’ o nte-Kasdio ty rova toy.
26 Niheo am’Iirmeà amy zao ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe; 27 Ingo te Zaho IEHOVÀ,
Andrianañahare’ ze atao nofotse iaby, inoñe ty tsy ho lefeko? 28 Aa le hoe t’IEHOVÀ:
Inao! hatoloko am-pità’ o nte-Kasdio ty rova toy, naho am-pità’ i Nebokadnetsare
mpanjaka’ i Bavele, ho tavane’e; 29 ho mb’ atoy o nte-Kasdy hialy ami’ty rova
toio naho hamiañ’ afo ami’ty rova toy vaho ho forototoe’ iereo, rekets’ o anjomba
fañenga’ iareo amy Baale an-tafo’e eo, ie nampidoañañ’ enga-rano amo ndrahare
ila’eo hampiboseha’ iareo Ahy. 30 Toe nitolon-kaloloañe a’ masoko ao, boak’ami’ty
naha-tora’e, o ana’ Israeleo naho o ana’ Iehodao, ie nitolom-pampibosek’ ahy ami’ty
fitolom-pità’ iareo, hoe t’IEHOVÀ. 31 Fa nikai-jaka ami’ty habosehako naho ami’ ty
fifomboko boak’ ami’ty nañoreñañ’ aze pake henaneo ty rova toy, toly ndra ho
sintoneko boak’ añatrefan-tareheko eo, 32 ty amo fonga haratia’ o ana’Israeleo naho
o ana’ Iehodào, ze nanoe’ iereo hampibosek’ ahy; ie, o mpanjaka’ iareoo, o mpiaolo’
iareoo, o mpisoro’ iareoo naho o mpitoki’ iareoo naho ondati’ Iehodao vaho o
mpimone’ Ierosalaimeo. 33 Ie nampitolihe’ iereo amako ty voho fa tsy ty tarehe;
le ndra te nanareko, ie nañampitso naho nañòke, le tsy nañaoñe handrambesa’
iareo fañòhañe. 34 Fe nado’ iareo amy anjomba tokaveñe ami’ty añarakoy o raha
veta’ iareo naniva azeo. 35 Mbore naore’ iereo o haboa’ i Baale am-bavatanen’ ana’
i Hinomeo, hampisorohañ’ amy Moleke§ o ana-dahi’ iareoo naho o anak’ ampela’
iareoo; ze tsy nandiliako vaho tsy nimoak’ am-pitsakoreako ao t’ie hanao i hativàñe
zay; hampanan-kakeo Iehodà.
36 Ie amy zao, hoe t’IEHOVÀ Andrianañahare’ Israele, Ty rova toy, ie atao’ areo ty hoe
t’ie natolotse am-pità’ i mpanjaka’ i Baveley naho amy fibaray naho amy hasalikoañey

§ **32:35** Moleke: Mpanjaka

vaho amy angorosiy; 37 Inao! hatontoko amy ze hene fifeheañe nandroahako
iareo ami'ty habosehako naho ami'ty fifomboko naho ami'ty fiforoforoako vaho
hampoliko an-toetse atoy, hampimoneñako am-panintsiñañe; 38 le ho ondatiko iereo
naho ho Andrianañahare' iareo raho; 39 naho hitolorako arofo tokañe naho lalañe
raike, soa t'ie hañeveñe amako nainai'e; an-kasoa ho a iareo naho o ana' iareo
hanonjohio; 40 naho hanoako fañina tsy ho modo, tsy hiambohoako, fa ho soaeko;
vaho hampipohako fañeveñañe ty an-tro' iareo ao tsy hiamboho ahy. 41 Eka,
hirebehako naho hampiraoraoeko vaho ho volèko an-tanen-katò atoy añ-kaampon-
troko naho an-kaliforam-piaiko.

42 Le hoe t'Iehovà: Hambañe amy nañendesako o hankàñe jabajaba rezao am'
ondaty retoa, ty hañandesako ze hene hasoa nampitamako. 43 Hikaloañe an-tane
atoy o tetekeo, i atao' areo ty hoe; Mangoakoakey, tsy ama' ondaty tsy amam-
biby; fa natolotse am-pità' o nte-Kasdio. 44 Hivily tonda an-drala ondatio, hanokitse
naho hamolitomboke takelam-panañan-tane, le hikaike valolombeloñe an-tane' i
Beniamine ao, naho am-paripari' Ierosalaimeo, naho amo rova' Iehodào, naho amo
rova an-kaboañe añeo, naho amo rova am-bavataneo, vaho amo rova atimoo, amy
te hampoliko ty fandrohiza' iareo, hoe t'Iehovà.

# 33

1 Niheo am'Iirmeà fañindroe'e ty tsara' Iehovà, ie mbe nirindriñe an-kiririsam-
pigaritse ao, nanao ty hoe:

2 Hoe t'Iehovà Andrianamboatse,
Iehovà nañoreñe, hampijadoñe aze,
Iehovà ty tahina'e.
3 Kanjio raho, le ho toiñeko,
hitaroñe raha fanjaka
naho miheotse tsy fohi'o.
4 Aa hoe t'Iehovà
Andrianañahare' Israele :
O anjomba' ty rova toio, naho
o anjomba' o mpanjaka'Iehodào,
o narotsake ho tambohom-pañarovañe
amo firampiañeo naho o fibarao,
5 ie mialy amo nte-Kasdio,
ro mone hiliporañe lolo'ondaty
zinamako ami' ty habosehako,
naho ami'ty fifombokoo,
ty amo fonga haloloañe nañetahako tarehe ami'ty rova toio.
6 Inao ! handesako fijanganañe
le ho melañeko;
vaho haborako am' iereo ty haliforan-kanintsiñe naho hatò.
7 Hafoteko ty fandrohiza' Iehodà
naho ty fandrohiza' Israele,
vaho haoreko manahake tam-baloha'e.
8 Ie ho lioveko amo halò-tserek' iabio,
i nampanan-tahiñe iareo amakoy;
vaho hapoko iaby ty hakeo' iareo,
i nandilara' iareo amako rezay;
o nañotà' iareo faly amakoo,
9 ho tahinam-pampirebehañ' ahy
naho engeñe vaho volonahetse,

añatrefa ze fifehea' ty tane toy,
le hañeveñe naho hinevenevetse
ze hahajanjiñe ty hasoa
hanoeko am' iereo;
amy ze hene hasoa
naho fierañerañañe hanoako.
10 Hoe t'IEHOVÀ: Mbe ho janjiñeñe an-toetse atoy, i atao' areo ty hoe: Mangoakoake,
tsy ama' ondaty, tsy amam-biby naho amo rova' Iehodào naho an-dàmo' Ierosalaime
ey; amy bangìñe tsy ama' ondaty, tsy amam-pimoneñe, tsy aman-kàrey,
11 ty feom-pirebehañe, naho
ty feon-kafaleañe,
ty feom-pañenga naho
ty feon'engaeñe,
ty fiarañanaña' o manao ty hoe:
Andriaño t'IEHOVÀ' i Màroy,
fa soa t'IEHOVÀ, nainai'e ty fiferenaiña'e;
vaho o minday engam-pañandriañañe mb'añ'anjomba' IEHOVÀ mb'eoo.
Amy te hampoliko ty fandrohiza' i taney manahake tam-baloha'ey,
hoe t'IEHOVÀ.
12 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
Mbe ho eo indraik' ami'ty toetse mangoakoake toy,
ie tsy ama'ondaty, tsy aman-kàre, naho amo hene rova'eo,
ty kivohom-piarake mampàndre o lia-rai'eo. 13 Amo rova am-bohitseo naho
amo rova am-bavataneo naho
amo rova atimoo naho
an-tane' i Beniamine ao naho
am-paripari' Ierosalaimeo vaho
amo rova Iehodao, ty hirangà' o lia-raikeo ambane' ty fitàñe mañiake iareo, hoe t'IEHOVÀ.
14 Inao! ho tondroke ty andro, hoe t'IEHOVÀ, te ho henefako i tsara soa nitsaraeko
amy anjomba' Israeley naho i anjomba' Iehodàiy. 15 Ie amy andro rezay naho amy
sa zay, ty hampitiriako toran-kavañonañe t'i Davide, le ie ty hitoloñe an-katò naho
an-kavantañañe amy taney. 16 Ho rombaheñe amy andro rezay t'Iehodà, vaho
hierañerañe t'Ierosalaime; le hoe ty hitokavañe aze,
IEHOVÀ Havantañan-tika.
17 Fa hoe t'IEHOVÀ: Le lia'e tsy haitoañe amy Davide t'indaty miambesatse amy
fiambesa' i anjomba' Israeleiy; 18 vaho le lia'e tsy haitoañe amo mpisoroñe nte-Levio
t'indaty hanolotse engan-koroañe, naho hañoro enga-mahakama, vaho hisoroñe
nainai'e añatrefako eo.
19 Niheo am' Iirmeà ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe:
20 Hoe t'IEHOVÀ: Naho lefe' areo
valiheñe ty fañinako amy àndroy,
naho ty fañinako amy haleñey,
soa te tsy ho aman-kandro,
tsy ho aman-kaleñe o famantaña'eo;
21 zay vaho mete mivalike amy fañinako amy Davide mpitorokoy,
naho tsy hanañ'anake
hamelek' amy fiambesa'ey;
vaho amo mpisoroñe nte-Levy mpiatrak'Ahio.
22 Hambañe amy te tsy mete iaheñe
ty havasiañan-dikerañe,
vaho tsy lefe zehèñe o fasen-driakeo;

ty hampitomboako
ty tarira' i Davide mpitorokoy,
naho o nte-Levy mpiatrak' ahio.
[23] Niheo am' Iirmeà ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe: [24] Tsy nioni'o hao ty saontsi'
ondaty retoa manao ty hoe: O fifokoañe roe jinobo' IEHOVÀ rey, le fa naitoa'e? Aa le
mavoe' iereo ondatikoo*, t'ie tsy ho fifeheañe añ'atrefa' iareo ka.
[25] Hoe t'IEHOVÀ:
Naho tsy nifañina ami'ty andro
naho ty haleñe,
naho tsy tinendreko fañè i likerañey
naho ty tane toy:
[26] le ho farieko ty tiri' Iakobe
naho ty a i Davide mpitorokoy,
vaho tsy ho rambeseko amo tiri'eo
ty ho mpifeleke o tarira' i Avrahame, Ietsake, naho Iakobeo;
fe toe hampoliko ty fandrohiza' iareo, vaho hiferenaiñako.

# 34

[1] Ty tsara niheo am' Iirmeà boak' am' IEHOVÀ, ie nialy am' Ierosalaime naho
amo rova'e iabio t'i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele naho o lahindefo'e iabio
naho o fifeheañe an-tane felehe'e iabio vaho ondaty iabio, nanao ty hoe: [2] Hoe
t'IEHOVÀ, i Andrianañahare' Israeley: Akia misaontsia amy Tsidkia, mpanjaka Iehodà,
ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ: Inao! hatoloko am-pità' i mpanjaka' i Baveley ty rova toy
vaho hampangotomomohe'e an' afo; [3] le tsy hibotatsak' am-pità'e rehe, fa toe ho
tsepaheñe vaho hasese am-pità'e; le ho isam-pihaino'o o fihaino' i mpanjaka' i
Baveleio naho hisaontsie'e falie am-palie vaho hañavelo mb'e Bavele mb'eo rehe.
[4] Fe janjiño ty tsara' IEHOVÀ ry Tsidkia mpanjaka' Iehodà: Hoe t'IEHOVÀ ama'o:
Tsy hampihomahem-pibara rehe; [5] f'ie hikoromake an-kanintsiñe, le manahake
ty nañembohañe aman-droae'o, o mpanjaka taolo niaolo azoo, ty hañoroa' iereo
emboke ho azo vaho handala, ami'ty hoe: Hoy aba! Inay i tsara nitaroñekoy, hoe
t'IEHOVÀ.
[6] Aa le hene nisaontsie' Iirmeà mpitoky amy Tsidkia mpanjaka' Iehodà e Ierosa-
laime ao i tsara zay, [7] ie nialia' o lahindefo' i mpanjaka' i Baveleio t'Ierosalaime
naho o rova sisa' Iehodà iabio, i Lakise* naho i Azekà†; amy te iereo avao ty rova
nihafatrareñe sisa amo rova' Iehodào.
[8] Ty tsara' IEHOVÀ niheo am'Iirmeà, ie fa nifañina amo hene' ondaty e Ierosalaime
ao t'i Tsidkia, t'ie hikoiham-pamotsorañe, [9] te songa ho haha' ondaty ze mpitoro'e
lahilahy, sindre ondaty ty ampela-mpitoro'e, ie lahilahy nte-Evre ndra ampela nte-
Evre; soa tsy eo ty hitañe o nte-Iehodà rahalahi'eo an-drohy; [10] le songa nañaoñe
o roandriañe naho ondaty iaby niantoke i fañinam-pamotsorañeio te hene ondaty
ro hañaha ty ondevo-lahi'e naho fonga ondaty ty ondevo-ampela'e, tsy hanoeñe
ondevo ka; Eka, nivohotse iereo vaho namotsotse. [11] Ie añe, le nifotetse naho
nampipolie' iareo ondevo'e lahilahio naho ondevo'e ampelao, o navotsotseo; vaho
nampiambanea' iareo ho ondevo lahy naho ondevo ampela; [12] aa le niheo am'Iirmeà
boak' am' IEHOVÀ ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe: [13] Hoe t'IEHOVÀ, i Andrianañahare'
Israeley: Nanao fañina aman-droae' areo raho tañ' andro nañakarako iareo an-
tane Mitsraime, boak' an-trañom-pañodevozañ' añe ami'ty hoe: [14] Ie modo ty fito
taoñe le tsy mete tsy hene havotso'o ze rahalahi'o nte-Iehodà naletak' ama'o, ie fa
nitoroñe azo enen-taoñe, le tsy mahay tsy haha'o ama'o; fe tsy nañaoñe ahy o roae'

* **33:24** Sab 83:3-4, Iek 28:24-26, 36:2-6 * **34:7** Lakise: i mañavelo naho miaiñe ho aze † **34:7** Azekà: haozara' o kijoliio

areoo, tsy nanokilan-dravembia. 15 Aniany nahareo te nibalintoa, nanao ty hiti'e a-
masoko, songa nitsey famotsorañe amo rahalahi'eo t'indaty; vaho nifañina amako
añatrefako añ' anjomba tokaveñe amy añarakoy; 16 f'ie nivalike, naniva ty añarako,
nampibalihe' areo, songa ondaty ty ondevo'e, sindre ondaty ty ondevo-ampela'e,
o fa navotso' areo hidada ho mb'an-satri'e mb'eo; vaho nanoe' areo ondevo-lahi'
areo naho ondevo-ampela. 17 Aa le hoe t'IEHOVÀ: Kanao tsy nañaoñe ahy, amy
tsey fidadàñey, songa ondaty an-drahalahi'e, sindre ondaty an-drañe'e; le hitseizako
fidadàñe, hoe t'IEHOVÀ, ho amy fibaray naho i angorosiy naho i hasalikoañey, vaho
hampitsololoheko amy ze kila fifehea' ty tane toy nahareo.
18 Le hatoloko am'ondaty nivalik' amy fañinakoio, o tsy nañeneke i tsaram-pañina
nanoe' iereo aolo' ahy eoy, ie tinori' areo roe i ana-bosiy vaho niranga anteñateña i
vaki'e rey— 19 o roandria' Iehodao, naho o roandria' Ierosalaimeo, o vositseo naho
o mpisoroñeo, vaho ze hene ondati' i taneio, ze niranga añivo' ty vaki' i ana-bosiy
eo— 20 hatoloko am-pità' o rafelahi'eo iereo naho am-pità' o mipay ty fiai'iareoo; vaho
ho fihina' o voron-dikerañeo naho o bibi' ty tane toio ty lolo' iareo. 21 Le hatoloko
am-pità' o rafelahi' iareoo naho am-pità' o mipay ty fiai' iareoo, naho am-pità' o
lahindefo' i mpanjaka' i Bavele fa nihankañ' am' iareoio, t'i Tsidkia mpanjaka' Iehodà
naho o roandria'eo. 22 Inao! handily raho, hoe t'IEHOVÀ, le hampibaliheko mb' an-
drova mb'atoy iereo; hialia' iareo, naho hitavana' iareo, vaho hamorototoa' iareo
añ'afo; le hampangoakoaheko o rova' Iehodao ho tsy amam-pimoneñe.

# 35

1 Ty tsara' IEHOVÀ niheo am' Iirmeà tañ'andro' Iehoiakime ana' Iosia, mpanjaka'
Iehodà, manao ty hoe: 2 Akia mb' añ' anjomba' o nte-Rekao* mb'eo naho isaontsio,
vaho endeso mb'añ' anjomba' IEHOVÀ ao, añ'efe'e raik' ao, vaho anjotsò divay
hikama' iareo. 3 Aa le nendeseko t'Iaazanià† ana' Iirmeà, ana' i Habazinia‡, naho
o roahalahi'eo rekets' o ana'e iabio, vaho ty haampon' anjomba' o nte-Rekao.
4 Le nampihovaeko añ'anjomba' IEHOVÀ ao, añ'efe' o ana' i Kanàne§ ana' Igdalia*
ondatin' Añahareo, marine' ty efe' o roandriañeo, ambone' ty efe' i Maaseià, ana'
i Salome, mpiamben-dalañe; 5 naho nazotsoko aolo' o anak' anjomba' i Rekàbeo ty
korobo naho fitiheke, vaho nanoeko ty hoe: Mikamà divay. 6 Fa hoe ty lie' iereo,
Tsy hikama divay zahay ty amy nafè' Ionadabe† ana' i Rekabe rae'ay ama'aiy, ty
hoe: Tsy hikama divay nahareo, inahareo naho o ana' areo kitro katrokeo; 7 vaho ko
mañoreñe anjomba ndra mitongy tabiry, ko mambole vahe, naho ko atao hanañañe
zay; fa himoneñe an-kibohotse amo fonga andro hiaiña' areoo, soa t'ie hitoboke
andro maro an-tanem-pañialoa'areo ao. 8 Le nihaoñe'ay ty fiarañanaña' Ionadabe
ana' i Rekabe rae'ay amo nafe'e anay iabio, te tsy hinon-divay amo hene andro'aio,
zahay o vali'aio, o ana'aio, naho o anak' ampela'aio. 9 Aa le tsy namboatse anjomba
himoneña'ay zahay, tsy aman-tanem-bahe ndra teteke ndra tabiry; 10 f'ie mpitobok'
an-kibohotse ao, naho mañaoñe vaho mitoloñe o nafe' Ionadabe rae'aio. 11 Aa ie
nionjoñe haname an-tane atoy t'i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele, le hoe zahay:
Antao hionjoñe mb'e Ierosalaime ao, aolo' o lahindefon-te-Kasdio naho aolo' o nte-
Arameo; aa le mimoneñe e Ierosalaime atoan-jahay.
12 Aa le hoe ty tsara' IEHOVÀ niheo am'Iirmeà: 13 Hoe ty nafè' IEHOVÀ' i Màroy,
i Andrianañahare' Israeley: Akia mb' am' ondati' Iehodao naho o mpimone'
Ierosalaimeo, le ano ty hoe: Tsy hitsendreñe hilala hao nahareo hañaoñe o volakoo?
hoe t'IEHOVÀ. 14 Ty nafè' Ionadabe ana' i Rekabe, amo ana'eo, ty tsy hikama divay, le

* **35:2** Rekà: tseake; sarete tarihen-tsoavala 4 † **35:3** Iaazanià: i ho janjiñe' IEHOVÀ ‡ **35:3** Habazinia: fañetahañe ty fikalan-defo'IÀ § **35:4** Kanàne: lifo-palalàñe * **35:4** Igdalia: ty hajabahina' IEHOVÀ † **35:6** Ionadabe: matarike

fa ambenañe, vaho tsy ikama' iareo pake henane, amy t'ie mañoñe ty fetsen-drae'
iareo; fe nitaroñeko mañampitso am-pitaroñañe nahareo fe tsy nijanjiñe ahy. 15 Le
niraheko ama' areo ka o mpitoky mpitoroko iabio, nampihitrifeko handro nanao ty
hoe: Songa mimpolia amo sata' rati'eo ondatio, naho ahitio o fitoloña' areoo, naho ko
mañorin-drahare ila'e ho toroñeñe, soa te himoneña' areo ty tane natoloko ama'areo
naho aman-droae' areo toy; f'ie tsy nanokilan-dravembia, tsy nañaoñ' ahy. 16 Toe
nihenefe' o ana' Ionadabe ana' i Rekabe ty fetse nafen-drae' iareo ama'e, fe tsy
nañaoñe ahy ondaty retoañe; 17 aa le hoe t'IEHOVÀ, i Andrianañahare' i màroiy,
i Andrianañahare' Israeley: Ingo te hafetsako am'Iehodà naho amo mpimone'
Ierosalaimeo ze fonga hekoheko tsineiko am'iereo; amy t'ie nivolañeko, f'ie tsy
nijanjiñe, kinoiko fe tsy nanoiñe.
18 Le hoe t'Iirmeà amy anjomba' o nte Rekabeo: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, i
Andrianañahare' Israeley: Amy te nihaoñe' areo ty saontsin-drae' areo Ionadabe,
vaho nambena' areo o fañè'e iabio, vaho nanoe' areo ze hene nandilia'e; 19 le hoe
t'IEHOVÀ' i Màroy, i Andrianañahare' Israeley: Tsy haitoañe am' Ionadabe, ana' i
Rekabe ty lahilahy hijohañe añatrefako nainai'e donia.

# 36

1 Ie amy faha-efa-tao' Iehoiakime ana' Iosia, mpanjaka' Iehodày, le niheo am'
Iirmeà ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 Mangalà boke-peleke le sokiro ao ze hene
tsara nivolañako ty am' Israele naho Iehodà vaho o hene fifeheañeo sikal' amy andro
nivolañeko ama'o faha' Iosiay pake henanekeo. 3 Kera ho janjiñe' ty anjomba' Iehodà
ze hene hankàñe nisafirieko hanoañe; ke sindre hibalintoa amo sata' rati'eo ondatio,
vaho hapoko ty hakeo' iareo naho o tahi' iareoo.
4 Aa le kinoi' Iirmeà t'i Baroke ana' i Nerià; vaho sinoki' i Baroke am-boke-
pelek' ao boak' am-palie' Iirmeà ze hene tsara nitsara' IEHOVÀ ama'e. 5 Le hoe
t'Iirmeà amy Baroke: sinebañe raho tsy himoak' añ'anjomba' IEHOVÀ ao; 6 akia
arè, mamakia amy boke-peleke nanokira'o o tsara' IEHOVÀ boak'am-bavakooy, an-
dravembia' ondaty añ'anjomba' IEHOVÀ ao ami'ty androm-pililirañe; mbore vakio
an-dravembia' Iehoda miakatse o rova'eo iaby. 7 Hera hibanabana soloho am' IEHOVÀ,
naho songa hibalik' amo sata-rati'eo; amy te miforoforo ty haviñera' IEHOVÀ naho ty
fifomboa'e nitaroñeñe am' ondaty retoa. 8 Aa le nanoe' i Baroke ana' i Neria i hene
nandilia' Iirmeà mpitoky ama'ey, le vinaki'e amy bokey ty tsara' IEHOVÀ añ'anjomba'
IEHOVÀ ao.
9 Aa ie ami'ty volam-paha-sive' i taom-paha-lime' Iehoiakime ana' Iosia mpanjaka'
Iehoday, le nambarañe fililirañe añatrefa' IEHOVÀ : naho nimb' e Ierosalaime mb'eo
ondati' Ierosalaimeo naho ze hene boak' amo rova' Iehodao. 10 Le vinaki' i Baroke
amy bokey o saontsi' Iirmeào, añ'anjomba' IEHOVÀ, añ'efe' i Gemaria ana' i Safane
mpanokitse, an-kiririsa ambone, amy fimoahan-Dalam-bey Vao' i anjomba' IEHOVÀiy,
an-dravembia' ze fonga ondaty.
11 Aa ie jinanji' i Mikaieho ana' i Gemaria, ana' i Safane ze hene tsara' IEHOVÀ boak'
amy bokey, 12 le nizotso mb' añ' anjomba' i mpanjakay mb'eo, añ' efe' o mpanokitseo;
le heheke te hene niambesatse ao o roandriañeo— i Elisama*, mpanokitse, naho
Delaia† ana' i Semaià, naho i Elnatane ana i Akbore, naho i Gemaria, ana' i Safane,
naho i Tsidkia ana' i Kananià‡, naho o roandriañe iabio. 13 Le tinaro' i Mikaieho§ ze
hene tsara jinanji'e amy Baroke, ie namaky i bokey an-dravembia' ondatio. 14 Aa le
nampihitrife' o roandriañe iabio t'Iehodý* ana' i Netanià† ana' i Selemia, ana' i Kosy‡,

* 36:12 Elisama: Andrianañahare mijanjiñe † 36:12 Delaia : o mahatra' IEHOVÀ ‡ 36:12 Kananià: Falalà' IEHOVÀ § 36:13 Mikaiaho: Mikà; rarake; mireke * 36:14 Iehodý: ty fandrengeañe IEHOVÀ † 36:14 Netania: tolots' IEHOVÀ ‡ 36:14 Kosy: nte-Etiopiae: hainte'e

mb’ amy Baroke hanoa’e ty hoe: Endeso am-pità’o i peleke vinaki’o an-dravembia’
ondatioy, vaho mb’etoy. Aa le rinambe’ i Baroke ana’ i Neria am-pità’e amy zao i
pelekey vaho nimb’ am’ iereo ao. 15 Le hoe iereo ama’e: Miambesara vaho ivakio
an-dravembia’ay. Aa le vinaki’ i Baroke an-dravembia’ iareo. 16 Ie amy zao, naho
hene jinanji’ iereo i tsaray, le nifampitolik’ an-kahembañañe vaho nanao ty hoe amy
Baroke: Tsy mete tsy hene taroñe’ay amy mpanjakay o tsara zao. 17 Le nañontane i
Baroke iereo, ty hoe, Ehe, isaontsio, akore ty nanokira’o o tsara iaby zao? boak’am-
palie’e hao? 18 Le hoe ty natoi’ i Baroke: Hene sinaontsi’e amako am-palie o tsara
retoañe, vaho sinokiko an-drano-mainte amo bokeo. 19 Le hoe o roandriañeo amy
Baroke, Akia, mietaha, ihe naho Iirmeà, vaho ko apo’o ho fohi’ ondaty te aia.

20 Aa le nimoak’ amy mpanjakay an-kiririsa’e ao iereo; fa nado’ iareo añ’efe’ i
Elisama mpanokitse ao i pelekey; vaho tinaro’ iareo an-dravembia’ i mpanjakay i
tsara iabiy. 21 Aa le nampihitrife’ i mpanjakay t’Iehody hangalake i pelekey; le nalae’e
añ’efe’ i Elisame mpanokitse ao naho vinaki’ Iehody an-dravembia’ i mpanjakay vaho
an-dravembia’ o roandriañe iaby nijohañe marine i mpanjakaio. 22 Niambesatse
añ’anjomban’ asotry ao i mpanjakay amy volam-pahasivey, ie nisodotse añ’atrefa’e
eo ty toko-pamindroañe. 23 Aa naho nivakia’ Iehody ty fange’e efatse ndra telo,
le tinori’e amy kelelahi’ey vaho nahifi’e amy afo amy tokoiy, ampara’ te fonga
niforototoe’ ty afo amy toko-pamindroañey i pelekey. 24 F’ie tsy nahahembañe iareo,
leo raike tsy nandriatse sikiñe, ndra i mpanjakay ndra o mpitoro’e nahajanjiñe i
tsaraio. 25 Mbore nihalaly amy mpanjakay t’i Elnatane naho i Delaia vaho i Gemaria
tsy hampiforehete’e i pelekey; fe tsy hinao’e; 26 vaho linili’ i mpanjakay t’Ierakmeele§,
ana’ i mpanjakay, naho i Seraià, ana’ i Azriele*, naho i Selemià†, ana’ i Abdile‡ ty
hitsepake i Baroke mpanokitse naho Iirmeà mpitoky; f’ie naeta’ IEHOVÀ.

27 Ie finorototo’ i mpanjakay i pelekey, naho o tsara’ sinoki’ i Baroke am-palie’
Iirmeào le niheo am’ Iirmeà ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 28 Mangalà peleke
indraike, le hene isokiro i tsara tamy peleke valoha’e nisodore’ i mpanjaka’ Iehodaiiy.
29 Le hoe ty ho saontsie’o am’ Iehoiakime mpanjaka’ Iehodà: Hoe t’IEHOVÀ: Fa noroa’o
i pelekey, amy ty hoe, Ino ty nanokira’o ao ty hoe te tsy mete tsy hivotrak’ atoy ty
mpanjaka’ i Bavele handrotsake o tane atoio, vaho ho mongore’e ze fonga ondaty
naho hare ama’e? 30 Aa le hoe t’IEHOVÀ ty am’ Iehoiakime mpanjaka’ Iehodà, t’ie tsy
hanan-kiambesatse amy fiambesa’ i Davidey; vaho havokovoko an-tariñandroke ey ty
lolo’e te handro, vaho amy fanalay te haleñe. 31 Le ho liloveko, ie naho o tiri’eo naho
o mpitoro’eo ty amo hakeo’ iareoo, vaho hafetsako am’ iereo naho amo mpimone’
Ierosalaimeo, naho am’ondati’ Iehodao, ze hene hankàñe nivolañako; o tsy hinao’
iereoo.
32 Aa le nandrambe peleke ila’e t’Iirmeà, le natolo’e amy Baroke, mpanokitse,
ana’ i Nerià; vaho hene sinoki’e ao boak’am-palie’ Iirmeà o tsara’ i peleke noroa’
Iehoiakime mpanjaka’ Iehodaio; mbore tinovo’e tsara maro manahak’ izay.

# 37

1 Nifehe ho mpanjaka t’i Tsidkia nandimbe i Konia* ana’ Iehoiakime ana’ Iosia
nanoe’ i Nebokadnetsare, mpanjaka’ i Bavele, mpanjaka an-tane Iehodày. 2 F’ie ndra
o mpitoro’eo ndra ondati’ i taneio tsy nañaoñe ty tsara’ IEHOVÀ nisaontsie’e añam’
Iirmeà mpitoky.

§ 36:26 Ierakmeele: ty fitretrezan’Añahare * 36:26 Azriele; Fañoloran’ Añahare † 36:26 Selemià: Ahare fanintsiñako ‡ 36:26 Abdile: evoñe; rahon’ Añahare * 37:1 Konia: haozara’ IEHOVÀ

3 Nirahe' i Tsidkia mpankaja t'Iehokale ana' i Selemia naho i Tsefania† mpisoroñe
ana' i Maasaia am' Iirmeà mpitoky nanao ty hoe: Ehe, halalio ho anay t'IEHOVÀ
Andrianañaharentika.
4 Ie amy zay nifampitamboemboeñe am'ondatio t'Iirmeà; ie mboe tsy nagodoñe
am-balabey ao, 5 le niakatse an-tane Mitsraime o lahindefo' i Paroo‡; aa ie jinanji' o
nte-Kasdy nañarikatoke Ierosalaimeo i talily ty am' iereoy le nisitak' am' Ierosalaime.
6 Le niheo am'Iirmeà ty tsara' IEHOVÀ: 7 Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare' Israele: Zao
ty ho saontsie' areo amy mpanjaka' Iehodày nañirak' anahareo amako hañontane:
Himpoly mb'an-tane'e e Mitsraime añe o lian-dahindefo' i Parò nionjoñe hañolotse
anahareoo; 8 le hibalike mb'etoa o nte Kasdio hialy ami'ty rova toy hitavañe vaho
hamorototo aze amañ'afo.
9 Hoe t'IEHOVÀ, Ko mamañahy vatañe ami'ty hoe: Tsy mahay tsy hienga antika o
nte-Kasdio. Fa tsy hienga! 10 Ndra te fonga zinama'areo o lahindefon-te-Kasdy mialy
ama'areoo, vaho tsy aman-tsehanga'e naho tsy ty fere an-kiboho'e ao, le ie ty ho
nitroatse hamorototo ty rova toy amañ'afo.
11 Aa ie nisitake Ierosalaime o nte-Kasdio ty amy lian-dahin-defo' i Paròy, 12 le
niakatse Ierosalaime t'Iirmeà hionjoñe mb'an-tane' i Beniamine añe handrambe ty
anjaran-tane'e añivo' ondaty ao. 13 Ie pok' an-dalambei' i Beniamine eo le tsinepa'
ty mpijilo atao Iiria§ ana' i Selemia ana' i Kanania t'Iirmeà ami'ty hoe, Mitotse mb'
amo nte-Kasdio ni-heo. 14 Le hoe t'Iirmeà: Vande zay; zaho tsy misitake mb' amo
nte-Kasdio. Fe tsy nihaoñe'e; aa le sinambo' Iiria t'Iirmeà vaho nasese'e mb'amo
roandriañeo. 15 Niviñera' o roandriañeo t'Iirmeà, le finofo' iareo vaho najo' iareo
an-drohy añ'anjomba' Ionatane* silikitera ao, fa nanoeñe valabey ty ao.
16 Aa ie fa najoroboñe añ'efets' efe' i valabeiy t'Iirmeà naho nitambatse ao andro
maro t'Iirmeà, 17 le nampihitrife' i Tsidkia amy zao re le nampihovañ' aze naho
natola'e añ'anjomba'e ao vaho nañontane aze, ty hoe: Hera ao ty tsara boak' am'
IEHOVÀ? Toe ao! hoe t'Iirmeà, fa hoe re: Hasese am-pitàm-panjaka' i Bavele rehe.
18 Tinovo' Iirmeà amy Tsidkia mpanjaka' Iehodà ty hoe, Ino ty tahiko ama'o ndra
amo mpitoro'oo ndra am' ondati'oo te nagodo'o am-po porozò ao? 19 Aia ka o
mpitoki'o nitoky ama'o ty hoe: Tsy ho avy haname azo naho ty tane toy ty mpanjaka'
i Baveleo.? 20 Aa le ijanjiño abey, ry taleko mpanjaka: Ehe, tsendreño o halalikoo, le
ko ampipolieñ' ahy mb'añ'anjomba' Ionatane silikitera mb'eo, tsy mone hivetrake
ao.
21 Aa le nandily t'i Tsidkia, naho najò' iareo an-kiririsa' o mpigaritseo t'Iirmeà;
vaho nanjotsoañe vonga-mofo boak' andro hirik' an-dalam-panoñak' ao ampara' te
fonga nikapaike ty mofo' i rovay. Aa le nidoñe an-kiririsam-pigaritse ao t'Iirmeà.

# 38

1 Aa le jinanji' i Sefatia* ana' i Matane†, naho i Gedalia ana' i Pasore‡, naho Iokale§
ana' i Selemia, naho i Pasore ana' i Malkia ty tsara nisaontsie' Iirmeà am' ondaty
iabio ami'ty hoe, 2 Hoe t'IEHOVÀ: Ho zamanem-pibara, naho ty hasalikoañe naho ty
angorosy ze midoñe an-drova atoy; fe ho veloñe ze mionjomb' amo nte-kasdio mb'eo,
le hengañe ama'e ty fiai'e ho tsindroke vaho ho veloñe. 3 Hoe t'IEHOVÀ, Toe hatolotse
am-pità' ty lia-rain-dahindefo' i mpanjaka' i Baveleiy ty rova toy vaho ho tavaneñe.
4 Le hoe i roandriañe rey amy mpanjakay, Ehe, mihalaly ama'o zahay te havetrake
indatiy; amy te mokore'e ty fità' o lahindefo sisa an-drova atoio, naho ty fità'
ondaty iabio, ie taroñe'e i tsara zay le t'ie tsy mipay ty hahasoa ondaty retoa fa

† **37:3** Tsefania: IEHOVÀ ro fiaropapiko ‡ **37:5** Paro: Mpampiparaitake; mpampianto § **37:13** Iiria: ty fañeveñañe amy IEHOVÀ * **37:15** Ionatane: natolon'Añahare * **38:1** Sefatia: IEHOVÀ Mpizaka † **38:1** Matane: tolotse arofo; orañe ‡ **38:1** Pasore: mampigorobake; hafotiañe § **38:1** Iokale: maozatse; fonitse

ty hampiantoa'e. 5 Le hoe t'i Tsidkia mpanjaka am' iereo, Ingo, am-pità' areo re: fa
ia' mbao ty mpanjaka te hahafiatrek' ama' areo?

6 Aa le rinambe' iereo t'Iirmeà vaho nagodo' iareo an-kadaha' i Malkia ana' i
mpanjakay, an-kiririsam-pigaritse ao naho nazotso' iareo an-taly t'Iirmeà. Tsy aman-
drano i kadahay, fa fotake, vaho nilempotse an-ditsak' ao t'Iirmeà.

7 Aa ie jinanji' i Ebed-meleke nte Kosy, vositse, añ'anjomba' i mpanjakay te najo'
iareo an-kadaha ao t'Iirmeà—ie tandalam-bei' i Beniamine eo i mpanjakay, 8 le
niakatse añ' anjombam-panjaka ao t'i Ebed-meleke vaho nisaontsy amy mpanjakay ty
hoe, 9 O ry talèko mpanjaka, Hekoheko raty ty nanoe' ondaty reo amy fonga fitoloña'
iareo am' Iirmeà mpitokiy, ie najorobo an-kadaha ao; toe hihomak' an-toe'e ao re ty
amy mosarey, ie tsy ama-mofo ka ty an-drova atoy. 10 Aa le nafanto' i mpanjakay amy
Ebed-meleke nte Kosy ty hoe: Angalao ondaty telo-polo atoy, vaho akaro an-kadaha
ao t'Iirmeà mpitoky, tsy mone hihomake.

11 Aa le nampindreze' i Ebed-meleke ama'e i ondaty rey, le nizilik' añ' anjomba'
i mpanjakay ambane' i trañom-baray le nandrambe tsirodea naho tsikotita, vaho
nazotso' iareo an-taly mb'am' Iirmeà amy kadahay. 12 Le hoe t'i Ebed-meleke nte-
Kosy am' Iirmeà, Ano an-kilek' ao o tsirodea naho tsikotitao ty amo tàlio. Le nanoe'
Iirmeà. 13 Aa le tinari' iareo mañambone amo talìo t'Iirmeà, naho naaka' iareo an-
kadahay, vaho nidok' an' kiririsam-pigaritse ao t'Iirmeà.

14 Nampisangitrife' i Tsidkia am' Iirmeà mpitoky vaho nendese'e mb'an-dalambey
faha-telo añ' anjomba' IEHOVÀ ao, le hoe i mpanjakay am' Iirmeà. Hañontane raha
ama'o raho le ko añetaha'o ndra inoñ' inoñe. 15 Le hoe t'Iirmeà amy Tsidkia, Aa
naho taroñeko, tsy hañohofa'o loza hao? Aa ndra te toroako, ho haoñe'o hao? 16 Aa
le nanao fanta añ' etake am' Iirmeà t'i Tsidkia mpanjaka ami'ty hoe, Kanao veloñe
t'IEHOVÀ nitsene i sandrin-tika retoa, tsy havetrako rehe, naho tsy hatoloko am-pità'
ondaty mipay ty fiai'oo.

17 Aa le hoe t'Iirmeà amy Tsidkia, Hoe t'IEHOVÀ, Andrianañahare' i màroy, i
Andrianañahare' Israeley: Ie hiakatse mb'amo roandriam-panjaka' i Baveleo ey, le
ho veloñe ty fiai'o, naho tsy ho forototoe' ty afo ty rova toy; vaho ho velon-drehe
naho i anjomba'oy. 18 Fa naho tsy hiavotse mb'amo roandriam-panjaka' i Baveleo
rehe, le hatolotse am-pità' o nte Kasdio ty rova toy vaho ho tomomohe' iareo afo, ihe
tsy ho votsorem-pità' iareo.

19 Aa hoe t'i Tsidkia mpanjaka am' Iirmeà, Atahorako o nte Iehodà nivalike mb'amo
nte-Kasdioo, hera hanese ahy am-pità' iareo ho kizaheñe. 20 Fa hoe t'Iirmeà: Tsy
hasese' iereo. Ehe, mivohora am' IEHOVÀ ty amy nivolañakoy soa te hierañeran-
drehe vaho ho veloñe ty fiai'o. 21 F'ihe mifoneñe tsy hionjoñe mb'eo, le zao ty tsara'
IEHOVÀ natoro'e ahy: 22 Inao! ze rakemba sisa añ' anjombam-panjaka' Iehodà ao ro
songa hakareñe mb' amo roandria' i Baveleo: Le ty hoe ty ho asa' i rakemba rey:

O rañe'oo ty nañosik'azo,

vaho nandrekets' azo,

aa hehe te nilempotse an-ditsak' ao o fandia'oo

le nitsambolitio' iareo.

23 Hene hakare' iereo mb'amo nte Kasdio o valy naho ana'oo; le tsy ho votsotse
am'pità' iareo rehe fa ho rambesem-pità' i mpanjaka' i Baveley, vaho ihe ty
hamorototoañe ty rova toy an' afo.

24 Le hoe t'i Tsidkia am'Iirmeà, Ao tsy hampahafohine'o am'ondaty i rehake zay
le tsy ho mate rehe. 25 Aa naho rendre' o roandriañeo te nifanaontsy tika, naho
ivotraha' iareo l manao ty hoe: Ehe saontsio ama'ay i nitaroñe'o amy mpanjakaiy
naho i nisaontsia' i mpanjakaiy, le ko añetaha'o, tsy hañohofa'ay loza: 26 Le ty

hoe ty hatoi’o, I entako amy mpanjakay: Ie nihalaliako te tsy hampibalike ahy
mb’añ’anjomba’ Ionatane mb’eo hivetrak’ ao.
27 Ie amy zao sindre niropak’ am’ Iirmeà o roandriañeo nañontane aze, le tinaro’e
am’iareo i entañe iaby nampisaontsie’ i mpanjakaiy. Aa le nado’ iareo ty fisaontsiañe
ama’e; vaho tsy nioni’ iareo ty vente’e. 28 Nimoneñe an-kiririsam-pigaritse ao amy
zao re ampara’ ty andro’ nitavanañe Ierosalaime.

# 39

1 Ie tsinepake t’Ierosalaime ami’ty volam-paha-folo’ i taom-paha-sive’ i Tsidkia
mpanjaka’ Iehodày le nifajifajy mb’e Ierosalaime naho nañarikatok’ aze t’i Nebokad-
netsare mpanjaka’ i Bavele naho o fonga lahindefo’eo; 2 le pinonak’ ami’ty andro
faha-sive’ i volam-paha-efa’ i taom-paha folo-raik’ ambi’ i Tsidkiay, i rovay. 3 Le songa
nimb’an-dalambey Añivo mb’eo o roandria’ i mpanjaka’ i Baveleo vaho niambesatse
eo t’i Nergale-saretsere*, i Samgar-nebo†, i Sarsekime‡, vosi’e, i Nergal-saretsere,
mpanao sahàtse, vaho o roandria’ i mpanjaka’ i Baveley ila’e iabio.
4 Ie niisa’ i Tsidkia mpanjaka’ Iehodà naho o lahindefo’eo, le niboratsake mb’eo,
niakatse i rovay haleñe mb’angolobo’ i mpanjakay, niranga mb’an-dalambey añivo’
i kijoly roe rey, vaho niavotse mb’ añ’ Arabà§ mb’eo. 5 F’ie nihoridaña’ o lian-dahin-
defon-Kasdio le nitratse amonto’ Ieriko* ey t’i Tsidkia, naho tsinepa’ iereo, naho nase-
se mb’amy Nebokadnetsare mpanjaka’ i Bavele e Ribla† an-tane’ i Kamate‡ añe: vaho
zinaka’e. 6 Le zinama’ ty mpanjaka’ i Bavele e Ribla o ana-dahi’ i Tsidkiao añatrefam-
pihaino’e eo; zinevo’e iaby ka o roandria’ Iehodào. 7 Ginoa’e amy zao ty fihaino’ i
Tsidkia, le vinaho’e an-torisìke haneseañ’ aze mb’e Bavele mb’eo. 8 Finorototo’ o
nte-Kasdio ty anjomba’ i mpanjakay naho o anjomba ondatioo, vaho narotsa’ iareo
ty kijoli’ Ierosalaime.
9 Nasese’ i Nebozaradane, mpifehem-pigaritse an-drohy mbe Bavele añe ze
sehanga’ ondaty nisisa an-drova ao, naho o nifotetse ho ama’eo vaho ze honka’
ondaty nisisa ao. 10 Nenga’ i Nebozaradane§ an-tane Iehodà ao ty ila’ o rarake tsy
amam-panañañeo vaho nitolora’e tanem-bahe naho teteke henane zay.
11 Linili’ i Nebokadnetsare mpanjaka’ i Bavele t’i Nebozaradane, mpifehe mpigar-
itse, ty am’ Iirmeà, ty hoe, 12 Rambeso le atrao naho ambeno soa vaho ko ijoiañe
fa ano ama’e ze hatoro’e, 13 Aa le nañirake t’i Nebozaradane, mpifehem-pigaritse
naho i Nebo-saz’haban*, vosie loha’e, naho i Nergale†-saretsere, vosi’e mpanao
sahàtse, rekets’ o roandriam-panjaka’ i Baveley ila’e iabio, 14 nampihitrife’ iereo
naho rinambe’ iareo an-kiririsam-pigaritse ao t’Iirmeà, naho nafanto’ iereo amy
Gedelia‡, ana’ i Ahikame, ana’ i Safane ty hampoly aze, himoneña’e am’ondati’eo.
15 Niheo am’ Iirmeà ty tsara’ Iehovà, ie nirindriñe an-kiririsam-pigaritse ao, nanao
ty hoe: 16 Akia saontsio t’i Ebed-meleke§, nte-Kose ty hoe: Hoe ty nafè’ Iehovà’ i
Màroy, i Andriananañahare’ Israeley: Ho henefako ami’ty rova toy i tinarokoy ho
hankàñe ama’e fa tsy ho fañasoàñe, vaho ho heneke añatrefa’o amy andro’ey.
17 Fe ho hahako rehe amy andro zay, hoe t’Iehovà, tsy hatolotse am-pità’ ondaty
ihembaña’oo, 18 toe harovako tsy hampikorovohem-pibara; ty fiai’o ty ho tsindro’o
amy te niato amako, hoe t’Iehovà.

* 39:3 Nergale-saretsere:mpamandron-drala † 39:3 Samgar-nebo: fibara mitoky ‡ 39:3 Sarsekime: tale’ ty hajan-tsaroñe § 39:4 Arabà: forototo; i vavatane lalek’ atimoy * 39:5 Ieriko: ty vola’e; ty harifondrifo’e † 39:5 Riblà: fifandierañe; enge’e; fiareñañe ‡ 39:5 Kamate: haviñerañe; havotrohañe; kijoly § 39:10 Nebozaradane: Voka’ ty Zaka, Fitokia’e * 39:13 Nebosazhaban: tsara; mivoamboañe; † 39:13 Nergale: Fanalolahy ‡ 39:14 Gedalia: Iehova ro mampanjofak’ ahy § 39:16 Ebed-meleke: mpitorom-panjaka

# 40

1 Ty tsara niheo am’Iirmeà boak’ am’ IEHOVÀ, ie navotso’ i Nebozaradane
mpifehem-pigaritse e Ramà* añe, ie fa nasese’e an-drohy mindre amo mirohy boak’
Ierosalaime naho Iehodào ho mb’ ampandrohizañe e Bavele añe.
2 Natola’ i mpifehe mpigaritsey t’Iirmeà vaho hoe ty asa’e ama’e: IEHOVÀ
Andrianañahare’o ty nitsara o hankàñe zao ami’ty toetse toy; 3 le ie henanekeo, fa
nihenefa’ IEHOVÀ i tsinara’ey amy te nandilatse am’ IEHOVÀ nahareo vaho tsy hinao’
areo ty fiarañanaña’e. Toly ndra nifetsake i nitsaraeñey. 4 F’ie henaneo, Ingo te
hahako ama’o aniany o rohy am-pità’oo. Aa ie te hindre lia amako mbe Bavele mb’eo,
mihavia vaho hatràko soa, f’ie tsy te hindre amako mb’e Bavele añe le apoho. Inge,
añatrefa’o eo o tane iabio; mañaveloa amy ze atao’o ho soa naho mahity.
5 Ie mbe tsy nitolike, le hoe re, Molia amy Gedalia ana’ i Ahikame ana’ i Safan;
tinendre’ i mpanjaka’ i Baveley ho mpifeleke o rova’ Iehodaoy, vaho mimoneña
ama’e, am’ondatio; he mañaveloa mb’amy ze ereñere’o hombañe. Aa le tinolo’ i
mpifehe mpigaritsey anjara mahakama naho ravoravo vaho nampomba’e mb’eo.
6 Aa le nimb’amy Gedelia ana’ i Ahikame e Mitspà† añe re vaho nitrao-pimoneñe
am’ondaty nengañe an-taneo. 7 Ie songa jinanji’ o mpiaolon-dahindefoñe am-
patrambeio, ie naho o mpiama’eo, te tinendre’ i mpanjaka’ i Baveley t’i Gedalia ana’
i Ahikame ho mpifeleke i taney, naho nampifeheañe aze ondatio naho o rakembao
vaho o ajajao; o loho rarake amy taney tsy nasese mb’e Bavele mb’eoo, 8 le nimb’
amy Gedalia e Mitspà añe iereo rekets’ Ismaele‡ ana’ i Netania§, naho Iohanane*
naho Ionatane† sindre ana’ i Karea‡, i Seraia§ ana’ i Tankomete*, o ana’ i Ofaý† nte-
Netofào‡ naho Iezania§ ana’ty nte-Maakà*, ie vaho ondati’iareoo.
9 Le nanao fanta am’ iereo naho amo lahin-defo’eo t’i Gedalia ana’ i Ahikame ana’
i Safane, ami’ty hoe, Ko ihembaña’ areo ty mitoroñe o nte-Kasdio. Imoneño i taney
naho toroño ty mpanjaka’ i Bavele, le ho soa tahy. 10 Aa naho zaho, le himoneñe
e Mitspà hijohañe añatrefa’ o nte-Kasdy hivotrak’ aman-tikañ’ atoio; f’inahareo:
anontono divay naho ty vokats’ asotry naho menake, le ahajao an-tsajoa’ areo ao,
vaho imoneño o rova felehe’ areoo.
11 Manahake zay ka, ie jinanji’ o nte-Iehodà e Amone naho Edomeo naho o an-tane
ila’eo te nampipoke honka’e e Iehodà ao ty mpanjaka’ i Bavele vaho tinendre’e t’i
Gedalia ana’ i Ahikame, ana’ i Safane ho mpifelek’ iareo, 12 le nimpoly boak’ amo
fonga tane niparatsiaha’ iareoo mb’an-tane’ Iehodà mb’ amy Gedalia e Mitspà ao ze
hene nte Iehoda, le nanontoñe divay vaho vokats’ asara tsifotofoto.
13 Niheo mb’amy Gedalia e Mitspà mb’eo t’Iohanane ana’ i Karea naho ze hene
mpiaolon-dahin-defo an-kaloke, 14 nanao ama’e ty hoe, Tsy fohi’o hao te nafanto’ i
Baalise† mpanjaka’ o nte-Amoneo t’Ismaele ana’ i Netania hañoho-doza ama’o? F’ie
tsy niantofa’ i Gedalia ana’ i Ahikame. 15 Aa le natola’ Iohanane ana’ i Karea t’i
Gedalia e Mitspà ao, le nanoe’e ty hoe, Ehe, angao handenàko mb’am’ Ismaele ana’
i Netania mb’eo hamono aze, fa tsy ho fohi’ ondaty. Ino ty hañohofa’e loza ami’ty
fiai’o? hampiparaitahañe o hene nte-Iehodao, toe ho mongotse ty sehanga’ Iehodà.
16 Fe hoe t’i Gedelia ana’ i Ahikame am’ Iehonane ana’ i Karea, Ko manao zao, ihe
andañira’o Ismaele.

---

* **40:1** Rama: Naonjoñe; Fanintsiñañe † **40:6** Mitspà: fitalakesañ’abo; fañanjoanjoañe ‡ **40:8** Ismaele: Andrianañahare mahajanjiñe § **40:8** Ravoravo’ IEHOVÀ * **40:8** Iohanane: matarike, mpiferen’ay † **40:8** Ionatane: Natolon’Añahare ‡ **40:8** Karea: Sola, pea-bolo; § **40:8** Seria: Roandria’ IEHOVÀ * **40:8** Tankomete: Fañohòñe; fisolohoañe † **40:8** Ofay: Mokotse ‡ **40:8** Netofà: mañevoñe ahazoan-dro § **40:8** Iezania: Fahañe boak’ amy IEHOVÀ * **40:8** Maakà: famorekekeañe † **40:14** Baalise: Firebehañe; tale mirengevoke

# 41

1 Ie amy volam-paha-fitoy, le nivotrak' amy Gedalia ana' i Ahikame e Mitspà
ao t'Ismaele ana' i Netania, ana' i Elisama tirim-panjaka, ie mpiamo roandria' i
mpanjakaio, reketse ty lahilahy folo, vaho nitrao-pikama e Mitspa ao. 2 Niongak'
amy zao t'Ismaele ana' i Netania naho i folo lahy nindre ama'e rey, vaho linihi' iereo
fibara t'i Gedalia ana' i Ahikame, ana' i Safane; vinono iereo i noriza' i mpanjaka'
i Baveley ho mpifehe' i taneiy. 3 Zinama' Ismaele ka ze nte-Iehodà mpiama'e ao, o
niharo amy Gedalia e Mitspào naho o nte-Kasdy nizoeñeo, o lahin-defoñeo.
4 Ie herone amy namonoa'e i Gedaliay, ie tsy eo ty naharendreke, 5 le totsake
eo t' indaty valompolo boake Sekeme* naho boake Silò† naho hirike Somerone,
an-tanteahetse hinaratse naho sikiñe riniatse, vaho an-tsandriñe linililily, ninday
enga mahakama naho embok' am-pitàñe homb'añ'anjomba' IEHOVÀ mb'eo. 6 Aa
le niavotse i Mitspà t'Ismaele ana' i Netania hifanalaka am' iereo, nangololoike ty
rovetse t'ie nañavelo mb'eo; ie nigadoñe am' iereo, le hoe ty asa'e ama'e: Antao
homb'e Gedalia ana' i Ahikame mb'eo. 7 Aa ie naneñateña i rovay le zinama' Ismaele
ana' i Netania rekets' o mpiama'eo vaho namokovoko iareo am-po kadaha ao. 8 Fe
nizoeñe am' iereo t'indaty folo nanao ty hoe amy Ismaele, Ko avetra'o fa aman-kaja
mikafitse an-tonda ao, ty vare-bolè, naho ampemba, naho menake vaho tantele. Aa
le napo'e, tsy vinono'e miharo amo rolongo'eo.
9 I kadaha najorobo' Ismaele i lolo amy Gedalia rezay le ty nanoe' i Asa‡ mpanjaka
ty amy Baasa§ mpanjaka' Israeley; le natsafe' Ismaele ana' i Netania ama'e ao o
vinonoo.
10 Le fonga nendese' Ismaele an-drohy añe ty sehanga' ondaty e Mitspà ao, o
anak' ampela' i mpanjakaio naho ze kila ondaty nengañe e Mitspà ao, o nafanto' i
Nebozaradene mpifehe mpigaritse amy Gedalia, ana' i Ahikame; aa le nasese' Ismaele
ana' i Natania an-drohy vaho nienga hitsake mb'amo ana' i Amaneo añe.
11 Aa ie jinanji' Iohanane ana' i Karea naho o mpifehen-dahindefo mpiama'eo ty
halò-tsereke nanoe' Ismaele ana' i Netania, 12 le nendese'iereo o lahilahy iabio naho
nionjoñe mb'eo hifangantotse am'Ismaele ana' i Netania, vaho nitendrek' ama'e an-
drano-bey e Gibone eo. 13 Le ie niisa' o hene ondaty nindre am' Ismaeleo t'Iohanane
ana' i Karea, naho o mpifehe lahin-defoñe nindre ama'eo, le nifale, 14 naho songa
niamboho vaho niveve mb' am' Iohanane ana' i Karea mb'eo ondaty nasese' Ismaele
an-drohy boake Mitspào. 15 Fe niborafitse am' Iehonane t'Ismaele ana' i Netania
reketse ty ondaty valo, nimb' amo ana' i Amoneo mb'eo.
16 Aa le nendese' Iohanane, ana' i Karea, naho ze hene mpifehe lahin-defoñe
nindre ama'e, ty sisa' ondaty rinambe'e am'Ismaele ana' i Netania, boak'e Mitspàao
—ie fa vinono'e t'i Gedalia ana' i Ahikame naho o mpiama'eo—o lahilahio naho
o lahindefoñeo naho o rakembao, naho o ajajao, naho o vositse nendese'e boake
Giboneo, 17 le nienga, vaho nañialo an-kialo' i Kimhame* marine i Betlekheme† añe,
hiavotse mb'e Mitsraime añe, 18 ty amo nte-Kasdio, amy t'ie nihembaña' iereo, ty
amy namonoa' Ismaele ana' i Netania t'i Gedalia ana' i Ahikame, i nampifelehe' i
mpanjaka' i Baveley i taneiy.

# 42

1 Aa le nañarivo mb'eo o mpifehe lahindefoñe iabio, naho Iohanane ana' i Karea,
naho Iezanià ana' i Hosaià*, vaho ze hene ondaty, ty bey naho ty kedeke, 2 nanao
ty hoe am' Iirmeà mpitoky, Ehe te ho no'o ty halali'ay t'ie hisoloho ho anay am'

* **41:5** Sekeme: Ampaha'e; nimpoly maraindray † **41:5** Silò: niraheñe ‡ **41:9** Asa: Mpanaha; famelañe § **41:9** Baasa: Lel'afo; Fañafahan-deotse * **41:17** Kimhame: hambañe am' iereo. † **41:17** Betlekheme: Anjomba' ty mofo * **42:1** Hosaia: ty fandrombaha' IEHOVÀ

Iehovà Andrianañahare'o, ho amako o hene sehanga'e retoa; amy te nengañe tsy
ampeampe tika nimaro, ie o isam-pihaino'oo; 3 soa te hatoro' Iehovà Andrianañaha
42 re'o ama'ay ty hañaveloa'ay naho ty hanoe'ay.
4 Aa le hoe t'Iirmeà mpitoky am' iereo, Fa tsinanoko nahareo; toe ho halalieko
am' Iehovà Andrianañahare' areo ty amy saontsi' areoy; ie amy zao, ze tsara hatoi'
Iehovà ama' areo ty hitaroñako; tsy eo ty ho tanako ama' areo.
5 Aa le nanao ty hoe am' Iirmeà iereo, Ehe te ho valolombeloñe vantañe naho
migahiñe añivo-tika t'Iehovà, naho tsy hanoe'ay ze hene tsara hañiraha' Iehovà
Andrianañahare'o ama'ay añama'o. 6 Ke t'ie ho soa he te ho raty, ho haoñe'ay ty
fiarañanaña' Iehovà Andrianañaharentika amantoha'ay azoy; soa te hañasoa anay
ty hañaoñe ty fiarañanaña' Iehovà Andrianañaharentika.
7 Aa ie nimodo ty folo andro, le niheo am' Iirmeà ty tsara' Iehovà. 8 Le kinoi'e
t'Iohanane ana' i Kerea naho o mpifehen-dahin-defoñe mpiama'eo naho ze hene
ondaty, ty kede naho ty bey 9 vaho nanoe'e ty hoe: Hoe t'Iehovà, Andrianañahare'
Israeley, ie namantoha' areo ahy hañenga i halali' areoy añatrefa'e. 10 Aa naho
toe himoneña' areo o tane toio, le haoreko fa tsy harotsako; hamboleko fa tsy
hombotako; le hanintsiñeko ty amy hankàñe nanoeko ama' areoy. 11 Ko hembaña'
areo i mpanjaka' i Babilone irevendreveña' areoy; ko miria-tsandry ty ama'e; hoe
t'Iehovà; toe hindre ama' areo raho handrombake naho hamotsotse anahareo am-
pità'e. 12 Le ho tolorako tretrè soa te hiferenaiña'e le hampolie'e mb'an-tane' areo
ao. 13 F'ie mone hanao ty hoe: Tsy himoneña'ay ty tane toy; amy te tsy haoñe' areo
ty fiarañanaña' Iehovà Andrianañahare' areo; 14 vaho manao ty hoe: Aiy! hañavelo
mb'e Mitsraime mb'eo zahay, tsy hahaisak' aly, tsy hahajanjiñe antsiva, tsy hifeake
kerè; le añe ty himoneña'ay; 15 le janjiño ty tsara' Iehovà, ry sehanga' Iehodà: Hoe
t'Iehovà' i Màroy, i Andrianañahare' Israeley; naho toañe' areo o lahara' areoo
higodañe mb'e Mitsraime mb'eo hisese añe; 16 le ho takare' i fibara ihembaña' areoy
an-tane Mitsraime ao, vaho hañoridañe anahareo e Mitsraime añe i hasalikoañe
marimarihe' areoy; vaho hikoromak' añe. 17 Zay ty hifetsak' amy ze fonga ondaty
mampitoañe ty lahara'e mb'e Mitsraime mb'eo hitaveañe añe; ho zamane' ty fibara,
ty hasalikoañe, naho ty angorosy; vaho tsy ho aman-tsehanga'e ndra ty hahabotafotse
ami'ty feh'ohatse hafetsako ama'e. 18 Fa hoe t'Iehovà' i Màroy, i Andrianañahare'
Israeley: Manahake ty nampidoañañe ty habosehako naho ty fiforoforoako amo
mpimone' Ierosalaimeo, ty hampidoañañe ama' areo ty fileveleveako naho mimoake
e Mitsraime añe; le ho fokom-patse, ho halatsañe, ho ozoñe naho inje; vaho tsy ho
isa' areo ka ty toetse toy.
19 Hoe ty nitsarà' Iehovà ama'areo ry sehanga' Iehodào; Ko mimoak' e Mitsraime
ao; mahafohina te hinatahatako anindroany. 20 Fe nifañahie' areo ty tro'areo;
ami'ty nañirahañ' ahy mb'am' Iehovà Andrianañahare' areo, ami'ty hoe: Ihalalio ho
anay t'Iehovà Andrianañaharentika vaho itaroño ndra inoñ' inoñe saontsie' Iehovà
Andrianañaharentika, le hanoe'ay. 21 Aa le ie i tinaroko ama' areo anindroaniy; fe
tsy haoñe' areo ty fiarañanaña' Iehovà Andrianañahare' areo ami'ty inoñ' inoñe
namantoha'e ahy ho ama'areo. 22 Mahafohina an-katò t'ie hampihomahem-pibara
naho ty mosare vaho ty angorosy amy toetse tea' areo hombañe hañialoa' areoy.

# 43

1 Ie nigadoñe ty saontsi' Iirmeà am'ondaty iabio, ze hene tsara' Iehovà Andri-
anañahare' iareoo, i namantoha' Iehovà Andrianañahare' iareo aze ho am' iareoy,
i tsara iaby rezay; 2 le hoe ty asa' i Azaria* ana' i Hosaia naho Iohanane ana'
i Karea, vaho ondaty mirengevoke iabio, Mandañitse rehe! tsy nirahe' Iehovà

* 43:2 Azaria: i mahajanjiñe Iehovà

Andriananañaharentika rehe hanao ty hoe, Ko mañavelo mb'e Mitsraime mb'eo
hañialo añe, 3 fe sinigi' i Baroke ana' i Neria ama'ay rehe, hanese anay am-pità'
o nte-Kasdio, hañohofa' iareo loza vaho hinday anay an-drohy mb'e Bavele añe.
4 Le tsy hinao' Iohanane ana' i Karea naho o mpifehen-dahin-defoñe iabio, naho
ze hene ondaty ty fiarañanaña' IEHOVÀ, ty himoneña' iereo an-tane Iehodà ao.
5 Fe rinambe' Iohanane ana' i Karea naho o mpifehen-dahin-defoñe iabio ze fonga
sehanga' Iehodà nimpoly boak' amo fifelehañe iaby nandroahañe iareoo hañialo an-
tane' Iehodà ao; 6 ondatio, o rakembao, o ajajao naho o anak' ampelam-panjakao,
vaho ze hene ondaty napo' i Nebozaradane mpifehe mpigaritsey amy Gedalia ana'
i Ahikame ana' i Safane ao, naho Iirmeà mpitoky, vaho i Baroke ana' i Neria; 7 le
niloak' an-tane Mitsraime ao, amy t'ie tsy nañaoñe ty fiarañanaña' IEHOVÀy, vaho
nivotrake e Takpanese† eo.
8 Aa le niheo am' Iirmeà e Takpanese ao ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe:
9 Andrambeso vato jabajaba am-pità'o vaho akafiro am-po' ty lietse an-dalam-bein'
anjomba' i Parò e Takpanese ao, ampahaisaha' ondati' Iehodào eo; 10 vaho ano ty hoe
am'iereo: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, t'i Andriananañahare' Israele: Inao! hampañitrifeko
i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele mpitorokoy, naho hapoko amy vato nakafiko
rey eo ty fiambesa'e vaho halama'e am'iereo i lambam-pañalofa'ey. 11 Homb' atoy
re handafa ty tane Mitsraime; ho zamaneñe ze ho am-pikoromahañe, ho rohizeñe
ze ho am-pandrohizañe, vaho ho lafàm-pibara ze ho am-pibara. 12 Le hamiañ' afo
añ' anjomban-drahare' i Mitsraime ao raho le ho forototoe'e irezay, naho hasese'e
mb'an-drohy añe iereo, naho ho valoñe'e ty tane Mitsraime manahake ty amaloña'
ty mpiarake ty saro'e, vaho hiakatse am-panintsiñañe. 13 Ho rotsahe'e ka o vatolahi'
i Betsemese‡ an-tane Mitsraimeo; vaho ho hotomomohe'e añ'afo o akiban-drahare' i
Mitsraimeo.

## 44

1 Ty tsara niheo am' Iirmeà ty amo nte-Iehodà iaby nañialo an-tane Mitsraimeo,
o nimoneñe e Migdole* naho e Takpanese naho e Nofe† vaho an-tane' i Patroseo‡,
nanao ty hoe:
2 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, i Andriananañahare' Israeley, Fa niisa' areo i fonga hankàñe
nafetsako am' Ierosalaime naho amo hene rova' Iehodao; le heheke t'ie mangoakoake
henaneo naho tsy imoneña' ondaty, 3 ty amy halò-tsereke nanoe' iereo hampibosek'
ahy, ie niheo mb'amo ndrahare ila'eo, nañenga naho nitoroñe iareo, o tsy nifohi'
iereoo; ie ndra nahareo, ndra o roae' areoo; 4 ndra te nampihitrifeko ama' areo o
mpitoky mpitoroko iabio nañampitso t'ie niraheñe ninday ty hoe: Ehe, ko anoe'
areo o raha tiva hejekoo. 5 F'ie tsy nañaoñe, tsy nanokilan-dravembia, tsy nibalintoa
amo hatsivokarañeo, hijihera' iareo ty fañembohañe aman-drahare ila'e. 6 Aa le
nidoandoañe ty fiforoforoan-kabosehako, vaho namorototo an-drova' Iehodà ao naho
an-damo' Ierosalaime ey, ampara' t'ie nangoakoake naho kafoake, vaho ie henaneo.
7 Aa le hoe t'IEHOVÀ, t'i Andriananañahare' i màroy, t'i Andriananañahare' Israele;
Akore ty anoe' areo ty haloloañe jabajaba zao hampiantoa' areo fiaiñe hañitoa' areo
am' Iehodà ze ondaty naho rakemba, ajaja naho anak' ajaja minono, soa te leo raike
tsy ho sisañe ama' areo; 8 amy te sinigi' areo raho amo satam-pità' areoo, ty fañenga'
areo aman-drahare ila'e an-tane Mitsraime ao, i nisesea' areoy; soa t'ie haitoañe vaho
ho fokom-patse naho titse amo kilakila' ondati' ty tane toio? 9 Nihaliño' areo hao ty
fitoloñan-dratin-droae' areo naho ty sata-rati' o mpanjaka' Iehodào naho ty sata-rati'
o vali'eo, naho ty sata-rati' areo naho ty sata-ratin-tañanjomba' areo, o nanoe' iereo

† **43:7** Takpanese: fihembañañe; mizotso ‡ **43:13** Betsemese: Anjomba' i àndroy * **44:1** Migdole: fitalakesañ'abo † **44:1** Nofe; Papin-tantele; mitadretse, mipoke ‡ **44:1** Patrose: vava lifo-koba; sigiheñe hijoy

an-tane’ Iehodà ao naho an-dala’ Ierosalaimeo? 10 Mboe tsy nireke pake henane,
mbore tsy mañeveñe, tsy mañavelo an-Kàke ndra amo fañè najadoko aolo’ areo,
añatrefan-droae’ areo.

11 Aa le hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy, t’i Andrianañahare’ Israele; Inao te hatreatrèko ama’
areo ty tareheko ho ami’ty hankàñe, le fonga haitoako t’Iehodà; 12 naho haitoako ty
sehanga’ Iehodà niatre-daharañe mbe Mitsraime mb’etoy hitaveañe, naho songa ho
mongoreñe, toe hikoromak’ an-tane Mitsraime atoa nahareo, ho zevoñem-pibara
naho ty hasalikoañe, fonga hivetrake, ty kede naho ty bey, ami’ty mesolava naho
ty kerè; le ho fatse, naho fampangebahebahañe naho fanirañe vaho fañinjeañe.
13 Amy te ho liloveko o mañialo an-tane Mitsraimeo, manahake ty nandilovako
Ierosalaime, ami’ty fibara naho ty kerè vaho ty angorosy, 14 leo raike tsy hipotatsake
ndra hahatambeloñe amo sehanga’ Iehodà nitaveañe mb’ an-tane Mitsraime hañialo
añeo vaho himpoly mb’an-tane’ Iehodà añe, mb’amy fañiria’ iareoy; amy te tsy eo
ty himpoly añe naho tsy o tsy ampe mahapolititseo avao.

15 Aa le nanoiñe am’ Iirmeà ondaty nahafohiñe te nañenga amo ‘ndrahare ila’eo
o vali’eoo naho o rakemba nizorazora eio naho i valobohòkey vaho ze hene ondaty
nimoneñe an-tane Mitsraime e Patrose ao, ami’ty hoe, 16 I tsara nisaontsie’o ama’ay
ami’ty tahina’ IEHOVÀy: Tsy hañaoñe azo zahay. 17 Fa tsy mete tsy hanoe’ay ze
fonga enta’ nakare’ o vava’aio, ty hañemboke amy mpanjaka-ampelan-dikerañey,
naho ty hampidoañañe enga-rano, fa zay ty sata’ay, zahay naho o roae’aio, o
mpanjaka’aio, o roandria’aio an-tane’ Iehodà naho an-dala’ Ierosalaime ao; amy t’ie
nienen-kaneñe henane zay, vaho nijangañe, vaho tsy nizo hankàñe. 18 Fe mifototse
ami’ty nampipoha’ay ty fañengañe amy mpanjaka ampelan-dikerañey, naho ty
fampidoaña’ay enga rano, le nipo-vara, vaho nizamanem-pibara naho ty kerè. 19 Aa
vaho zahay avao hao ty mañenga amy mpanjakan-dikerañey naho mañiliñe enga-
rano ama’e? Mamboatse mofomamy ami’ty vinta’e naho mampidoañe engan-drano
ama’e hao zahay naho tsy eo valy?

20 Aa le hoe t’Iirmeà am’ondaty iabio, amo lahilahio naho amo rakembao naho amy
ze fonga ondaty nanoiñe aze amy hoe zay: 21 O tsotse nañemboha’ areo an-drova’
Iehodà naho an-dala’ Ierosalaimeo, inahareo naho o rae’ areoo naho o mpanjaka’
areoo naho o roandria’ areoo naho ondati’ i taneio; tsy niarofoana’ IEHOVÀ hao, tsy
nizilik’ am-pitsakorea’e ao hao? 22 Ampara te tsy nileo’ IEHOVÀ o sata-rati’ areoo,
naho o raha tiva nanoe’ areoo; toly ndra ninjare kòake ty tane’ areo, toe halatsañe,
vaho fatse, tsy amam-pimoneñe pake henaneo. 23 I fañenga’ areo irezay, o hakeo’
areo am’ IEHOVÀo, t’ie tsy nañaoñe ty fiarañanaña’ IEHOVÀ, te tsy nañavelo an-Kàke,
ndra amo fañè’eo, ndra amo fitaroña’eo: ie ty nifetsaha’ o hekoheko zao ama’ areo
henaneo.

24 Tinovo’ Iirmeà ty hoe am’ ondaty iabio, naho amo rakemba iabio: Janjiño ty
tsara’ IEHOVÀ, ry hene Iehodà an-tane’ Mitsraime atoio: 25 Hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy,
t’i Andrianañahare’ Israele: Fonga nisaontsy am-palie nahareo naho o tañanjomba’
areoo vaho nihenefem-pità’ areo ami’ty hoe, Toe hanoe’ay o fanta nititihe’aio naho
hañenga amy mpanjaka-ampelan-dikerañey, naho hañily enga rano ama’e; Toe
hajado’ areo o nifantà’ areoo vaho ho henefe’ areo o fititiha’ areoo.

26 Ehe tsendreño ty tsara’ IEHOVÀ, ry Iehodà mpañialo e Mitsraime atoañ’ iabio;
Ingo fa nifanta amy añarako ra’elahiy raho, hoe t’IEHOVÀ, te le lia’e tsy ho toñoneñe
am-palie’ ondaty nte-Iehodà an-tane Mitsraime atoao ty añarako ami’ty hoe, Kanao
veloñe t’i Talè IEHOVÀ. 27 Inao! haratiañe ty añambenako iareo, fa tsy fañasoàñe;
vaho fonga ho mongore’ ty fibara naho ty hasalikoañe ze lahilahi’ Iehodà an-tane’
Mitsraime atoy, ampara’ te tsy aman-tsehanga’e. 28 Fe hipolititse amy fibaray ty
honka’e tsy ampe boak’an-tane Mitsraime atoa homb’an-tane’ Iehodà mb’eo, soa te

ho fohi' i hengaha' Iehodà nivotrak' an-tane Mitsraime hañialoa'ey, te, ty tsara' ia ty
ho to, ke ty ahy he ty a iareo?
29 Le inao, ty viloñe ama' areo, hoe t'IEHOVÀ, te toe hitilihako an-toetse atoy,
hahafohina' areo te vata'e hijadoñe ama' areo ho ami'ty hankàñe o entakoo: 30 fa
hoe ty nafè' IEHOVÀ: Ingo te hatoloko am-pità' o rafelahi'eo naho am-pità' o mipay
ty fiai'eo t'i Parò-Kofrà mpanjaka' i Mitsraime, hambañ' amy nanolorako i Tsidkia,
mpanjaka' Iehodà, am-pita' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele, rafalahi'e nipay
t'y fiai'e.

# 45

1 Ty enta' Iirmeà mpitoky natao'e amy Baroke ana' i Nerià, ie sinoki'e am-boke
ao o tsara boak' am-palie' Iirmeà retoa, an-taom-paha-efa' Iehoiakime ana' Iosià,
mpanjaka' Iehodà, manao ty hoe:
2 Hoe t'IEHOVÀ, Andrianañahare' Israele ama'o ry Baroke: fa nanao ty hoe rehe:
3 Feh'ohatse amako henane zao! fa nitovoña' IEHOVÀ fioremeñañe ty fangirifiriako;
mahamamak' ahy ty fiñeoñeoko, le tsy mahatrea fitofàñe. 4 Ty hoe ty ho saontsie'o
ama'e, Hoe t'IEHOVÀ: Inao! fa ho rotsaheko i niranjiekoy, vaho hombotako o
nambolekoo, i hene taney 'nio. 5 Aa le mipay raha ra' elahy ho am-bata'o v' iheo? Ko
tsoehe'o fa ingo, hametsahako hankàñe iaby ze atao nofotse, hoe t'IEHOVÀ; fe hatoloko
azo ho tamben'ali'o ty fiai'o amy ze hene toetse hañaveloa'o.

# 46

1 Niheo am'Iirmeà, mpitoky ty tsara' IEHOVÀ ty amo fifeheañeo; 2 ty amy Mitsraime,
i mpirai-lian-dahin-defo' i Parò-Neko* mpanjaka' i Mitsraimey, ie añolo' i Saka-
Perate† e Karkemise ao, le ginio' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele, amy taom-
paha-efa' Iehoiakime ana' Iosià mpanjaka' Iehodày.
3 Ihentseño ty fañeba
naho ty fikalan-defo,
vaho itotoho i hotakotakey.
4 Aombeo laboridy o soavalao,
naho miningira, ry mpiningi-tsoavalao;
mijohaña eo reketse kalan-doha;
fotìo o lefoñeo, aombeo o sarom-bìo.
5 Akore t'ie treako hoe
lonjetse naho miamboho?
Finofok' ambane o fanalolahi'eo,
fa nitriban-day mb'eo,
vaho tsy nitolik' am-boho,
fa niarikatoha' ty firevendreveñañe,
hoe t'IEHOVÀ.
6 Tsy hahafiorotse ty masìka,
tsy hahafivoratsake ty fanalolahy;
mitsikapy vaho mikorovoke
mb'avaratse añe iereo,
marine i Saka-Peratey.
7 Ia ty hambañ'am'Ieore‡ mitroatroakey,
manahake o saka misorotombake hanginahina'eo?
8 Manahake Ieore t'i Mitsraime
amy fitabatroaha' o rano'eoy;

* 46:2 Neko: Kepeke; gioke † 46:2 Perate : (Heb) misorotombake ‡ 46:7 Ieore : I Niley Egipte, saka
mikararake

ie manao ty hoe:
Hitroatse raho, hanginahina naho
hampiopo ty tane toy,
toe harotsako i rovay naho
o mpimoneñe ama'eo.
9 Mionjona ry soavalao,
mionara ry sareteo;
ampivavaro mb'etoy o fanalolahio,
o nte-Kose naho nte-Pote§
mahafitàm-pikalan-defoñeo,
o nte-Lode* mahatañe naho
mahafibitsoke faleo.
10 Amy te hanañ' androm-pañondroha'e
t'i Talè IEHOVÀ' i Màroy,
hamalea'e fate o rafelahi'eo,
hampibotsehañe i fibaray
ampara' te etsake
naho mamo ami'ty lio' iareo;
fa manao soroñe t'i Talè,
IEHOVÀ' i Màroy,
an-tane avaratse, marine' i Saka-Peratey.
11 Mionjona mb'e Gilade† mb'eo,
mitohà fatevo‡
ry anak' ampela' i Mitsraimeo;
fonga tsy jefa'e o aoly anoe'oo,
toe tsy eo ty hampijangañe azo.
12 Fa jinanji' o kilakila' ndatio
ty fisalara'o,
vaho manitsike ty tane toy
ty fikoikoiha'o,
fa nitsikapy amy maozatsey
ty fanalolahy, sindre nihotrake.
13 Ty tsara' IEHOVÀ am' Iirmeà mpitoky, te hanao akore ty hionjona' i Nebokadnet-
sare mpanjaka' i Bavele mb'an-tane Mitsraime mb'eo handafa aze?
14 Tseizo' areo e Mitsraime ao,
koiho e Migdole,
koiho-lava e Nofe
naho e Tafanese, vaho ano ty hoe:
Mijohaña vaho mihentseña
fa hampibotsek' añ'ariary azo i fibaray.
15 Akore te nafaoke añe o maoza'oo?
Ie tsy nahafitroatse amy te
tinindri' IEHOVÀ ambane.
16 Maro ty tsinikapi'e;
eka songa mifampikorovoke
vaho manao ty hoe :
Miongaha, antao himpoly
mb'am'ondatin-tika mb'eo,
mb'an-tane nahatoly an-tikañe añe,

§ **46:9** Pote: Fale; ana' i Kame; ondaty Afrika * **46:9** Lode: Antara † **46:11** Gilade: Taroñe mivotry; Talily mibokoke ‡ **46:11** Heg; Tsoriy

hienga ty fijoia' i fibaray.
17 Ty hoe ty nikoihe' iereo añe:
Koràk' avao t'i Parò
mpanjaka' i Mitsraime;
Napo'e hihelañe añe i ni-fantañañey.
18 Kanao velon-dRaho hoe i Mpanjakay,
IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e,
Toe hanahak' i Tabore§ am-bohitsey
naho i Karmele* añ'olon-driake añe,
Ty higodaña'e mb'etoy.
19 O ry anak'ampela mpimoneñe
e Mitsraime ao, mivatia handenà'o
mb'am-pandrohizañe añe,
fa ho tanàn-taolo ty Nofe,
hampangoakoaheñe
tsy ho amam-pimoneñe.
20 Kiloa fanjaka t'i Mitsraime
fe boak' avaratse añe
ty lale-boròñe hamongotse—toe ho avy.
21 Manahake ty sarak' an-jolok' ao,
o lahin-defo mpikarama añivo'eo,
fa nivalike ka iereo;
niharo nibotatsake,
tsy nahafijohañe,
fa tondroke ty andron-kankà' iareo,
ty androm-pitilihañe iareo.
22 Hoe mereñe ty fikosasaha'e
ie misoroke o lahindefo'eo,
mikovovoke mb'am-pisorohañ'aze
o lahindefoñeo, ie mitoañ' aze
am-pekoñe hoe mpañatsak' ala.
23 Hinatsa' iareo i alay, hoe t'IEHOVÀ,
fa tsy lefe volilieñe;
amy t'ie maro te amo valalao,
mitozantozañe.
24 Nisalareñe ty anak' ampela'
i Mitsraime;
fa natolotse am-pità' ondaty
avaratse añe.
25 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, t'i Andriananañahare' Israrele, Ho liloveko t'i Amone nte-
No† naho i Parò, naho i Mitsraime, rekets' o 'ndrahare'eo, naho o mpanjaka'eo;
toe i Parò naho ze miato ama'e. 26 Hatoloko am-pità' o mipay ty fiai'eo naho am-
pità' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele naho am-pità' o mpitoro'eo; ie añe, le ho
fimoneñañe indraike re manahake te taolo, hoe t'IEHOVÀ.
27 Aa le ko hemban-drehe
ry Iakobe mpitoroko,
naho ko lonjetse ry Israele;
fa ho rombaheko boake tsietoitane añe, naho ty tiri'o
an-tanem-pandrohiza' iareo;
himpoly t'Iakobe, naho hierañerañe,

§ **46:18** Tabore: joboñe; mikanitsoke; vonotroboe * **46:18** Karmele: añondry vosy; tsako vokatse † **46:25** No: mangaro; mandrara

le tsy eo ty hañembañe aze ka.
28 Ko hemban-drehe ry Iakobe mpitoroko, hoe t'IEHOVÀ,
fa mpiama'o raho;
ho fonga mongoreko o fifeheañe
nandroahako azoo,
f'ihe tsy ho mongoreko;
ho liloveko an-jaka-to,
fe tsy hapoko tsy ho liloveñe‡.

# 47

1 Ty tsara' IEHOVÀ niheo am' Iirmeà mpitoky ty amo nte-Pilistio taolo' ty nandafa'
i Parò i Azà*.
2 Hoe t'IEHOVÀ:
Heheke t'ie hiongake
boak' avaratse eñe ty rano,
hinjare torahañe manganahana,
toe hampanginahina i taney naho
handifotse ze hene ama'e
naho i rovay naho
o mpimoneñeo;
hirovetse ondatio, vaho
sindre hangololoike ty tañy
ze mpimoneñe amy taney.
3 Ami'ty kodoin-dian-kotro' o maozatseo,
ty fitrakotrako' o sareteo,
ty kodoikodoi' o larò'eo
le tsy mitolike mb'an-keleia'e
o roae'eo, ie mavozo am-pitàñe;
4 Fa tondroke ty andro te fonga
hampiantoañe o nte-Pilistio,
ie hañitoa'e amy Tsore naho amy
Tsidone ze mpañolotse sisa;
amy te ho kopahe' IEHOVÀ o nte-Pilistio,
naho ze sehanga'e an-tokonose'
i Kaftore†.
5 Hasolàñe ty nifetsak' amy Azà;
fa naitoañe ty Askelone.
Ry honka' i vavatane' iereoy:
ampara' te 'mbia ty handilindilia'o
ty sandri'o?
6 O ry fibara' IEHOVÀ,
ampara' te ombia vaho hitsiñe?
miombea an-trañо'o ao,
mitofà, naho mihendrea.
7 Akore ty hitofa'e kanao nandily t'IEHOVÀ ?
i Askelone naho i olon-driakey
ty nitendrea'e.

‡ **46:28** Oni: Iir 30:11 * **47:1** Aza: fatratse † **47:4** Kaftore: Halañe: tokonose bontolie

# 48

1 Ty amy Moabe*,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
t'i Andrianañahare' Israele:
hankàñe t'i Nebo†! fa peake,
nisalareñe t'i Kiriataime‡ fa tsinepake;
nimeñareñe ty Misgabe§
vaho mioremeñe.
2 Tsy eo ka ty enge' i Moabe;
nikinia raty aze o e Kesboneo*:
Antao hampipitsok'aze tsy ho fifeheañe,
hampitsiñeñe ka rehe, Medmene†,
hañoridañ'azo i fibaray.
3 Inao ty koike boak'e Koronaime‡
fikopahañe naho fandrotsaham-bey.
4 Rotsake t'i Moabe,
nipoñafe' o keleia'eo ty koiake.
5 Hitolom-pirovetse iereo te hanganike
ty fitroara' i Lokote§
ami'ty fizotsoa' i Koronaime
ty nahajanjiña' iareo
ty fikaiham-pandrotsahañe.
6 Mitribaha, handrombaha' areo fiaiñe,
mihambaña ami'ty kile
an-dratraratra añe.
7 Ho tsepaheñe ka nahareo ami'ty
fiatoa' areo amo tolon-draha' areoo,
naho amo vara' areoo;
hasese am-pandrohizañe añe ty Kemise*,
o mpisoro'eo rekets' o roandria'eo.
8 Songa hiambotraha' i mpitavañey
o rovao, ndra rova raike tsy hahavoratsake;
ho momoke i vavataney,
hampiantoeñe i montoñey,
ami'ty saontsi' IEHOVÀ.
9 Toloro elatse t'i Moabe, hiborifita'e,
fa hampangoakoaheñe o rova'eo,
ie tsy ho amam-pimoneñe.
10 Hozoñeñe t'indaty mitoloñe
ho a' IEHOVÀ am-pitañe milesa,
hafàtse ty mitañe i fibara'ey
tsy ho aman-dio.
11 Fa nierañerañe sikal' am-pahajalahy
aze t'i Moabe,
naho fa nitadrètse amo karafo'eo,
tsy nañiliñañe an-jonjoñ'an-jonjoñe,
vaho le lia'e tsy nasese

* **48:1** Moabe: boak' aman-drae'e; Ana' i Lote † **48:1** Nebo: vohitse e Moabe ao; ‡ **48:1** Kiriataime: rova hambañe § **48:1** Misgabe; fipalirañe an-tiotiotse ey * **48:2** Kesbone: mikitroke † **48:2** Medmene: votrin-ditsake ‡ **48:3** Koronaime: rova amandakato roe,boseke § **48:5** Lokote: nanoeñe gorodoñe * **48:7** Kemise: Mpampireke; tale' i Moabe

am-pandrohizañe añe;
aa le mbe ama'e ty hafira'e,
vaho tsy niova ty harifondrifo'e.
12 Aa le, ingo ho tondroke ty andro, hoe t'IEHOVÀ, te hampañitrifeko ama'e ty
mpañiliñe, ze hañiliñe aze; ho fonga kapaihe' iareo o fitovi'eo, vaho ho foie' iereo
o zonjò'eo. 13 Ho salatse amy Kemose t'i Moabe, manahake ty nisalara' Israele amy
Betele† fatokisa' iareoy.
14 Akore te anoe' areo ty hoe:
Ondaty maozatse zahay,
fanalolahy añ'aly'?
15 Mianto t'i Moabe, fa nionjoñe
mb'amo rova'eo, fa nizotso
mb'am-pizamanam-b'eo o ajalahy jinobo'eo,
hoe t'i Mpanjaka,
IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e.
16 Fa antitotse ty hekoheko' i Moabe,
malisa i feh-oha'ey.
17 Mandalà aze ry mañohok' azeo,
ano ty hoe ama'e ry mahafohiñe
i tahina'ey:
Akore te pinozake i kobaiñe
maozatsey, i doda fanjakay.
18 O ry anak'ampela mimoneñe
e Dibone‡ ao,
mizotsoa amo enge'oo,
mitoboha an-kataliñiera'o eo,
fa nionjomb'ama'o mb'eo
ty mampikoromake i Moabe,
fa songa narotsa'e o rova'o fatratseo.
19 O ry mpimone' i Arore§,
mijohaña amy lalañey, vaho mijilova;
añontaneo i mioratsey, ty hoe:
Inom-bao o nifetsakeo?
20 Nisalareñe t'i Moabe, le mioremeñe;
mangololoiha vaho mikoiha;
tseizo e Arnone* ao te mianto t'i Moabe.
21 Fa niambotraha' ty zaka o tane amontoñeo, t'i Kolone†, Iatsà‡, vaho i Mefaate§,
22 Le i Dibone*, i Nebo†, naho i Bet'diblataime‡. 23 Le i Kiriataime§ naho i Bet'gamole*
vaho i Bet'meone.† 24 Le i Keriote‡ naho i Botsrà§ vaho o hene rova an-tane' i Moabeo,
o lavitseo naho o marìneo. 25 Fa nipitsok' añe ty tsifa' i Moabe, pinozake i sira'ey,
hoe t'IEHOVÀ.
26 Ampimamò, amy te nampiebore'e am' IEHOVÀ ty vata'e; fa hitorokosek' amy
loa'ey t'i Moabe, vaho ho rabioñeñe. 27 Aa tsy nandrabioña'o hao t'Israele? Nizoeñe
amo malasoo hao? amy te mikofi-doha ama'e rehe ndra 'mbiambia isaontsia'o.
28 O ry mpimoneñe e Moabe ao,

† **48:13** Betele: Akiban'Añahare ‡ **48:18** Dibone: minike § **48:19** Arore: liolio, ndra kile * **48:20** Arnone: torahañe misorotombake † **48:21** Kolone: hontoke, lafenete ‡ **48:21** Iatsà: lie-drokoñe § **48:21** Mefaate: mañazava * **48:22** Dibone: lifo-kilala † **48:22** Nebo: mpitsara, mpitoky ‡ **48:22** Bet'diblataime: akiba mofon-tsakoa roe § **48:23** Kiriataime: rova hambañe * **48:23** Bet'gamole: akiba' ty nisara-nono † **48:23** Bet'meone: akiba fimoneña' (i Baale) ‡ **48:24** Keriote: anjomba maro § **48:24** Botsrà: an-kasotriañe

Miavota amo rovao naho mimoneña an-tseran-kereretsake ao, vaho mihambaña ami'ty deho manao traño añ'ilam-bava' i koboñey.
29 Fa jinanji'ay ty firengevoha'
i Moabey;
toe mpitoabotse, amy fibohaboha'ey,
naho ty fiengeña'e
vaho ty fitrotroabohan'arofo'e.
30 Haiko o habose'eo,
hoe t'Iehovà, t'ie kafoake,
tsy naha-pi-draha o fikoiboha'eo.
31 Aa le hangoihoiako ty Moabe;
eka hikoiako ty halifora' i Moabe;
hihontofa' ty troko o nte-Kir'kereseo*.
32 Mandikoatse ty firoveta' Iazere†
ty hitañiako azo, ry vahe' i Sibmà‡;
nikazazake nahafitsake i riakey
o tsampa'oo,
nitakare' iareo ty ria' Iazere;
amo voa' o asarao,
naho amo vahe'oo ty niambotraha'
i mpandrotsakey.
33 Tinavañe amy tonda kobokaray
ty hafaleañe naho ty firebehañe,
vaho an-tane' Moabe;
fa najiheko tsy hiboak' amo
fipiritañeo ty divay;
tsy eo ty handialia aze an-koike,
tsy ho fifandian-taroba i korakey.
34 Boak' ami'ty fikoiha' i Kesbone§ pak'e Eleale*, sikal'am' Iazere ty nikaiha' ty
fiarañanaña' iareo; boak'e Tsoare† pak'e Koronaime, hoe tamanañe telo taoñe; fa
ho kòake ka ty Rano' i Nimrime‡. 35 Mbore hajiheko amy Moabe, hoe t'Iehovà,
ty mañenga amo haboañeo, naho i mañemboke aman-drahare'ey. 36 Aa le
mangolalaike ho a i Moabe manahake o solio ty foko vaho mandala hoe firirio ho
a ondati' i Kir'kereseo ty troko; fa mongotse ty vara natonto'e.
37 Fonga peake o añamboneo, songa hinaratse o tateahetseo; sindre linily o fitañeo
vaho gony ty sikin-tohake. 38 Tsitsik' ambone' tafo' i Moabe naho mandrambañ' an-
tameañe ey, le firovetañe avao ty ao; fa finoiko hoe karabiba tsy rei-tave t'i Moabe,
hoe t'Iehovà. 39 Akore ty fivolentsa'e, mangololoiha! Akore te niamboho t'i Mobe!
salatse re! Aa le ho fiankahafañe naho fiantoañe avao t'i Moabe amo mañohok' azeo.
40 Fa hoe ty nafè' Iehovà:
Ingo te eo ty hitiliñe hoe vantio,
havela'e amy Moabe o ela'eo.
41 Fa tinavañe o rovao,
tsinepake o fipalirañe maozatseo,
le hanahake ty tron' ampela mitsongo
ty arofo' o fanalolahi' i Moabeo
amy andro zay.

---

* **48:31** Kir'kerese: rovam-balañe tane † **48:32** Iazere: mpañimba ‡ **48:32** Sibmà: mibalintoa, tsinepake
§ **48:34** Kesbone: fifanehafañe, fahimbañañe * **48:34** Eleale: aonjoñañe aman'Añahare † **48:34** Tsoare: kedeke ‡ **48:34** Nimrime: mafaitse, fiolàñe

42 Le haitoañe tsy ho karaza' ondaty
t'i Moabe, amy t'ie nirengevok' amy IEHOVÀ.
43 Firevendreveñañe naho i koboñey,
vaho i fandrikey ty ho ama'o,
ry mpimoneñe e Moabe ao,
hoe t'IEHOVÀ.
44 Hikapotrak' an-koboñe ao ty mibotatsak' amy mampihebakebakey,
naho ho tsepahe' ty fandrike ty mahafiakatse amy koboñey;
fa hafetsako ama'e, eka, amy Moabe,
ty taom-pitilihañe iareo, hoe t'IEHOVÀ.
45 Mijagarodoñe tsy an-kaozarañe an-kàlo' i Kesbone ao o nipoliotseo,
fa nionjoñe boake Kesbone ty afo,
naho boak' añivo' i Sihone§ ao ty lel'afo,
ze namorototo ty lahara' i Moabe,
vaho ty hevo' o mpikoràkeo.
46 Hankàñe ama'o ry Moabe!
Fa mibalake ondati' i Kemoseo*,
amy te nasese mb'an-drohy mb'eo
o ana-dahi'eo
naho mb'am-bahoram-b'eo
o anak'ampela'eo.
47 Fe hafoteko amo andro honka'eo ty fandrohiza' i Moabe,
hoe t'IEHOVÀ.
Zay ty figadoñam-pizakañe i Moabe.

# 49

1 Ty amo nte-Amoneo.
Hoe t'IEHOVÀ:
Tsy amañ'ana-dahy hao t'Israele?
Tsy amam-pandova hao re?
Inoñ' arè ty itavana' i Meleke* i Gade?
naho ty imoneña' ondati'eo
an-drova' iareo ao?
2 Aa le ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ,
te hampijanjiñeko koin'aly
e Rabà†' o ana' i Amoneo‡ ;
ie ho votre mangoakoake
le ho hotomomoheñe añ'afo
o anak' ampela'eo;
naho hapitso' Israele
o nampipitsok' azeo, hoe t'IEHOVÀ.
3 Mangoihoia ry Kesbone,
fa rotsake t'i Aia§;
mikoeakoeaha ry anak' ampela' i Rabà,
misikina gony, mandalà,
miheloheloa amo goloboñeo,
fa homb'am-pandrohizañe añe
t'i Meleke,

§ **48:45** Sihone: mikorake, troatroake, rakaraka * **48:46** Kemose: mampiambane * **49:1** Meleke: mpanjaka
† **49:2** Rabà: maozatse, ra'elahy, mirengetse ‡ **49:2** Amone: tariratse; toe tarira' i Lote § **49:3** Aia: votre

o mpisoro'eo rekets' o roandria'eo.
4 Ino ty irengea'o am-bavatane ao,
i vavatane'o mitsiritsiokey,
ry anak' ampela midisa-volio?
Ihe miato vara, manao ty hoe:
Ia ty haname ahy?
5 Inao, hampangebahebak'azo raho,
hoe t'i Talè, IEHOVÀ' i Màroy,
boak' amo mañohok' azo iabio;
naho songa haronje' ty roake mb'eo,
tsy eo ty hanontoñe ty mibaratsake.
6 Fa ie añe, le hampoliko boak' an-drohy añe o ana' i Amoneo, hoe t'IEHOVÀ.
7 Ty amy Edome; hoe 'IEHOVÀ' i Màroy:
Fa kapaike hao ty hihitse e Temane* ao?
Fa mongotse hao ty veren-tsoa'
o maharendrekeo?
Fa nilosotse am' iareo hao ty hilala?
8 Miridaridà, mibalintoà, mitoboha
an-dalek' ao, ry mpimone' i Dedaneo†;
fa hapoko ama'e ty feh'oha' i Esave‡,
ty andro andilovako aze.
9 Aa naho nimb'ama'o mb'eo
ty mpanontoñe valoboke,
tsy ho nisisà' iareo hao
ty ho tsindroheñe?
Naho ty malaso an-kaleñe,
tsy ho namaok' am-para' te nieneñe?
10 F'ie finaopaoko t'i Esave, nampikorendaheko o fikafira'eo,
le tsy ho lefe'e ty hietake;
fa tinavañe o tiri'eo,
songa tsy eo o rolongo'eo,
naho o rañe'eo, vaho i vata'ey.
11 Fario o anam-bode-rae'oo,
fa ho velomeko;
naho angao hiato amako o ramavoi'oo.
12 Fa hoe t'IEHOVÀ:
Ingo, ndra te tsy tinendre
hinoñe amy fitoviy ty ila'e,
toe hinoñe ama'e avao;
aa le tsy ho lilovañe ka v'iheo?
Tsy hapoke tsy ho lilovan-drehe,
toe tsy mahay tsy hinoñe.
13 Fa nifanta ami'ty vatako raho,
hoe t'IEHOVÀ,
te ho hadabàñe ty Botsrà§,
fañinjeañe, ratraratra, naho fatse;
vaho ho koake nainai'e donia o rova'eo.
14 Fa nahatsanon-talily boak'am' IEHOVÀ raho, fa nampihitrifeñe amo kilakila' ondatio
ty minday ty hoe:

* 49:7 Temane: atimo, Afrika; fonitse † 49:8 Dedane: o arañа'eo; firañetañe; mpizaka ‡ 49:8 Esave: ty manao, ty mamonitse § 49:13 Botsrà: toe-kasotriañe, fijalea

Mifanontona, mionjona haname aze,
vaho miongaha mb’an-kotakotake mb’eo.
15 Inao, hafotsako ho kedekedeke
amo fifeheañeo rehe,
naho ho fañamavoa’ ondatio.
16 Fa namañahy azo ty fangebaheba’o:
ty firengevohan’ arofo’o,
ihe mpimoneñe an-tseratseram-bato ao, mitobok’ an-kaboañe ey;
aa ndra te nanoe’o antiotiotse ey,
mira ami’ty vantio ty akiba’o,
mbe hampizotsoeko boak’ey,
hoe t’Iehovà.
17 Ho liolio kòake t’i Edome,
hene ho latsa ze mioza ama’e,
hikosìk’ amo hekoheko nizoe’eo.
18 Hanahake ty fandrotsahañe
i Sedome* naho i Amorà† naho
o rova nañohoke iareoo,
hoe t’Iehovà,
tsy himoneña’ ondaty,
tsy hañialoa’ ty ana’ondaty.
19 Ingo hionjoñe hanahake ty liona boak’an-drongoñe matahetse añ’olo’ Iordaney
mb’an-goloboñe soa fahetse mb’eo; fa hampitribaheko an-day boak’ ama’e amy zao,
vaho ho tendrèko hifehe aze ze nijoboñeñe; fa ia ty hambañ’ amako? Ia ty haneseke
ahy? Vaho ia ty mpiarake hahafijohañe hiatrek’ ahiko? 20 Aa le inao ty safiri’ Iehovà,
ty nisafirie’e i Edome; naho ty ereñere naereñere’e amo mpimone’ i Temaneo; toe
ho kozozote’e añe ndra o kede amy lia-raikeio, vata’e hampangoakoahe’e am’iereo o
fiandraza’ iareoo. 21 Manginikinike ty tane ami’ty fikodoim-pikorovoha’ iareo; inay
ty koeake, janjiñe an-dRiake Mena añe ty feo’e. 22 Ingo t’ie hionjoñe mb’eo naho
hitsikefañe hoe vantio vaho havela’e amy Botsrà o ela’eo; le hanahake ty fidebom-
pon-drakemba mitsongo ty arofo’ o fanalolahi’ i Edomeo amy andro zay.
23 I Damesèke: ‡ Angoae ty Kamate§ naho i Arpade*;
ty amy talili-raty jinanji’ iareo,
ie tranahe’ ty hebakebake,
mitroñe i riakey tsy mete pendreñeñe.
24 Niforetrake t’i Damesèke,
nitolike re hivoratsake,
fe manjitse aze ty fineveneverà’e;
fioremeñañe naho teveteveke
ty mamihiñe aze,
manahake ty ampela mitsongo.
25 Akore te hangoakoake
i rova nirengèñey,
i rova nahafale ahiy?
26 Aa le hikorovok’ an-tameañe ey
o ajalahi’eo,
vaho fonga hampianjiñeñe amy andro zay
o lahin-defoñeo,
hoe t’Iehovà’ i Màroy.

---

* **49:18** Sedome: sodotse, forototo † **49:18** Amorà: mpiola ‡ **49:23** Damesèke: haroñe pea-dio hoe mirehetse
§ **49:23** Kamate: habosehañe; miforoforo; rindry * **49:23** Arpade: hazava’ ty fijebañañe

27 Hamiañako afo ty kijoli' i Damesèke,
hampibotseke o anjomba'
i Ben-hadadeo†.
28 Ty amy Kedare‡ naho or fifehea' i Katsore§ linafa' i Nebokadnetsare mpanjaka'
i Baveleo, hoe t'IEHOVÀ;
Miongaha, mionjona mb'e Kedare,
vaho korendaho o anan-tatiñanañeo.
29 Ho kopahe' iereo ty kivoho
naho o lia-rai' iareoo,
ho tavane' iareo ho am-bata'e
o lamban-temetseo, naho o vara' iareoo, naho o rameva' iareoo;
vaho ho koraheñe ama'iareo, ty hoe, Hankàñe mb'etia mb'eroa!
30 Miorata añe, miherereaha!
mañialoa an-dalek' ao,
ry mpimoneñe e Katsore ao,
hoe t'IEHOVÀ;
fa nisafirie' i Nebokadnetsare mpanjaka' i Bavele,
vaho naereñere'e talin-dia.
31 Miongaha, mionjona mb'amy fifeheañe mierañerañey, i miaiñañoleñañey;
hoe t'IEHOVÀ;
I tsy aman-kijoly, tsy aman-tsikadañey;
mpimoneñe am-bangiñe.
32 Hakopake o rameva' iareoo,
ho tongañe o añombe' iareo mitozantozañeo; vaho hampiparatsiaheko
mb'amo tioke iabio
o mihitsike ty am-bala'eo,
haseseko hankàñe boak'an -dafi'e iaby, hoe t'IEHOVÀ.
33 Ho poakorom-panaloke ty Katsore, hoakoake nainai'e kitro-katroke,
ie ho po-pimoneñe,
ndra ty ana' ondaty tsy hañialo ao.
34 Ty tsara' IEHOVÀ niheo am' Iirmeà mpitoky ty amy Elame ami'ty fifotoram-
pifehea' i Tsidkia' mpanjaka' Iehodà, manao ty hoe: 35 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy;
Inao! ho pekañeko ty fale' i Elame,
ty fiaolon-kaozara' iareo.
36 Le hatreatrèko amy Elame i tiok'efatse boak' an-kotsok' efa' i likerañey rey,
naho hampiparaitaheko
mb'amy tioke rey iereo;
vaho tsy eo ty fifeheañe tsy higodañe'
o naronje boak' Elameo.
37 Le hampiroreheko añatrefa' o rafelahi'eo t'i Elame,
naho aolo' o mipay ty fiai'iareoo;
naho hametsahako hankàñe,
naho ty haboseko miforoforo;
hoe t'IEHOVÀ;
vaho hañitrifako fibara hañoridañe iareo ampara' te mongotse;
38 le hapoko Elame ao ty fiambesako
vaho ho rotsaheko boak'ao
ze mpanjaka ndra roandriañe,
hoe t'IEHOVÀ.
39 Fe ho tondrok' amo andro honka'eo te hampoliko o nasese hirik' i Elame,

† **49:27** Ben-Hadad: Ana' Korake; Hafalea ‡ **49:28** Kedare: ieñe, embetse § **49:28** Katsore: kiririsa, ahe-maike

hoe t'IEHOVÀ.

# 50

1 Ty entañe nitsarae' IEHOVÀ ty amy Bavele, tane' o nte-Kasdioy, añam' Iirmeà
mpitoky.
2 Taroño amo kilakila' ndatio, tseizo;
añonjono vorovoro, koiho
vaho ko ampikafireñe ty hoe:
Tinavañe ty Bavele, salatse t'i Bele*,
lonjetse ty Merodake†;
songa nampisalareñe
o saren-drahare'eo,
dinemoke o hazomanga'eo.
3 Amy te boak' avaratse añe
ty fifeheañe haname aze,
ty hampangoakoake i tane'ey,
ampara t'ie tsy amam-pimoneñe;
fonga nañariok' añe
ndra ondaty ndra hare.
4 Amy andro zay, naho amy sa zay,
hoe t'IEHOVÀ,
le homb' atoy o ana' Israeleo,
ie naho o ana' Iehodao,
hangolololoike ty rovetse te mañavelo, vaho ho tsoehe' iereo t'IEHOVÀ
Andrianañahare' iareo.
5 Hañontanea' iareo ty lalañe
mb'e Tsione mb'eo,
naho hampiatrefe'iareo laharañe;
Homb'eo iereo hireketse am' IEHOVÀ
ami'ty fañina tsy modo nainai'e,
tsy ho haliño.
6 Fa añondry motso ondatikoo; nampandrifihe' o mpiara' iareoo;
nampidadà' iereo amo haboañeo;
nirererere am-bohitse pak' an-kaboañe, nandikofa' iareo ty fitofà' iareo.
7 Fonga nampibotseke iareo
ze nifanendrek' ama'e;
le nanao ty hoe o malaiñ' iareoo:
Tsy aman-kakeo zahay;
amy t'ie ro nandilatse
am' IEHOVÀ, fimoneñan-kavantañañey,
am' IEHOVÀ fitaman-droae'iareo.
8 Miridriha boake Bavele ao,
naho iakaro ty tane o nte-Kasdio‡, vaho itsikombeo ty oselahy
miaolo' i lia-rai'ey.
9 Inao! ho troboeko
hionjoñe hiatrek' i Bavele
ty firimboñam-pifeheañe ra'elahy
boak' an-tane avaratse añe;
miriritse ama'e iereo,
le ho tavaneñe amy zao;

* 50:2 Bel: ndra Baale: 'ndrahare' i Bavele † 50:2 Merodake: Fisolohoañe mafaitse ‡ 50:8 Iir 51:6, 45, Isa 48:20, 2Kor 6:17 Ben 18:4

hanahake o amy fanalolahy mahimbañeo
o anam-pale’iareoo,
tsy ama’e ty himpoly mañomaño;
10 Ho kopaheñe t’i Kasdy;
hahaeneñe ze hene mamaok’ ama’e;
hoe t’IEHOVÀ:
11 Ty hafalea’areo,
naho ty firebeha’areo:
ry mpampikopake i lovakoio,
ty fitrekoa’areo le
hoe tamana añ’ahetse,
vaho misehaseha hoe soavala mirefe;
12 Hangirifiry ty fisalaran-drene’o,
ho meñatse i nahatoly azoy;
ho tsitso’ o fifeheañeo, fatram-bey,
tane karakankaiñe vaho liolio.
13 Ami’ty haviñera’ IEHOVÀ
le tsy himoneñañe,
fa ho vata’e bangìñe;
ho latsa iaby ze miary amy Bavele,
hikosàke amo hekoheko’e iabio.
14 Ampiririto hialy amy Bavele
añ’ariari’e eo ry mahatam-paleo,
ahiririño, ko manisa ana-pale;
amy te anaña’ IEHOVÀ tahiñe.
15 Mirohafa añ’arikatoke aze,
fa miambane re;
mihotrake o faha’eo,
rebake o kijoli’eo;
zay ty fañondroha’ IEHOVÀ,
Mamalea fate! hambañe amy nanoe’ey
ty hanoañe ama’e.
16 Aitò amy Bavele ty mpandrarake,
naho i mpita-meso am-pitatahañey,
ie ihembaña’e ty fibaram-panindry,
songa hitolike mb’am’ondati’eo,
sindre handripake mb’an-tane’e mb’eo.
17 Añondry miparaitake t’Israele,
niroahe’ o lionao añe;
Ty valoha’e nampibotsek’ aze,
i mpanjaka’ i Asorey
naho ami’ty figado’e toy
t’i Nebokadnetsare mpanjaka’ i Bavele
ro nampipekañe o taola’eo.
18 Aa le hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy,
t’i Andriananañahare’ Israele:
Inao! ho liloveko ty mpanjaka’ i Bavele
naho i tane’ey,
manahake ty nandilovako
i mpanjaka’ i Asorey.
19 Le hampoliko mb’am-piandraza’e mb’eo t’Israele,
hihinañe e Karmele naho e Basane ao,

vaho hahaeneñe ty tro’e
ty an-kaboa’ i Efraime naho i Gilade.
20 Amy andro rezay naho amy sa zay,
hoe t’IEHOVÀ,
ho kodebèñe ty hakeo’ Israele fe tsy ho eo, naho ty tahi’ Iehodà, fa tsy hahaoniñe;
amy te ho hahàko ty hakeo’
o napoko ho sehanga’eo.
21 Mionjona mb’an-tane’ Merataime§,
atreatréo,
naho o mpimoneñe e Pekodeo*,
mongoro,
vata’e rotsaho, hoe t’IEHOVÀ,
ano iaby o nandiliako azoo.
22 Inao, ty hotakotak’ amy taney,
naho ty fandrotsaham-bey.
23 Akore te finira naho pinozake
ty ana-bato’ ty tane toy!
Akore te nampangoakoaheñe
añivo’ o fifeheañeo ty Bavele!
24 Ie nandaharako fandrike,
toe tsinepake ka, ry Bavele,
fe tsy napota’o;
nivazohoen-drehe vaho nitratse,
amy te ihe nifangatotse am’ IEHOVÀ.
25 Fa sinoka’ IEHOVÀ ty fañaja’e,
vaho nakare’e o fialian-kaviñera’eo;
ty fitoloñañe tsy mete tsy anoe’ i Talè, IEHOVÀ, an-tane o nte-Kasdio.
26 Itameo boak’an-tsietoitane añe,
sokafo o riha’eo,
atontono mañambone kivotre kivotre, vaho rotsaho; ko anisa’o ndra inoñe.
27 Fonga lentao o vosi’eo,
ampizotsò mb’am-panjamanañe ao;
feh’ ohatse ama’e !
fa tondroke ty andro’ iareo,
ty androm-pandilovañe.
28 Inay! ty feom-pipiliotse naho o nandrifitse boak’an-tane Baveleo, hitsey e Tsione ao ty fañondroha’ IEHOVÀ Andriananañaharentika,
i vale-fate’e ty amy anjomba’eiy.
29 Koiho hifanontone hiatreke i Bavele
o mpitàm-paleo, o mampibitsoke fale iabio; mitobea añ’arikatoke aze;
ko ado’ areo te ho eo ty hiborofotse;
ondroho ty amo sata’eo,
avaleo ama’e o fonga fitoloña’eo,
fa nirengevohe’e t’IEHOVÀ,
i Masi’ Israeley.
30 Aa le hikorovok’ an-tameañe eo
o ajalahi’eo,
songa hampianjiñeñe amy andro zay
o lahin-defo’eo, hoe t’IEHOVÀ.
31 Inao! miatre azo raho

§ **50:21** Merataime: indroe niola * **50:21** Pekode: Fitilihañe

ty mpitoabotse tia,
hoe t'i Talè, IEHOVÀ' i Màroy;
fa tondroke ty andro'o,
ty namotoañako handilo azo.
32 Hitsikapy naho hikorovoke
i loho mpiroharohay,
tsy ho amam-pañongake;
le ho viañeko afo o rova'eo,
vaho ho forototoe'e o faripari'e iabio.
33 Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
naharo forekekeñe o ana' Israeleo
naho o nte-Iehodao;
fa tinambozò' o nitsepak' iareo,
nifoneña' iareo tsy hamotsots' iareo.
34 Maozatse ty Mpijeba' iareo,
IEHOVÀ' i Màroy ty tahina'e,
ho henefa'e ty fisalala' iareo,
hampitofa'e i taney,
vaho ho troboe'e o mpimone' i Baveleo.
35 hoe t'IEHOVÀ
Hebae' ty fibara o nte-Kasdio,
naho o mpimone' i Baveleo,
naho o roandria'eo,
vaho o mahihi'eo.
36 Ohare' ty fibara o mpandañitseo,
hampidagolàñe iareo;
Hebaem-bi-lava o fanalolahio,
hampidemòhañe iareo.
37 Ho amo soavala' iareoo ty fibara,
naho amo sarete'eo,
naho amo ambahiny iaby añivo' iareoo,
fa hanahake ty rakemba iereo;
amo vara'eo ty meso-lava,
vaho ho voloseñe.
38 Hafaosa amo rano'eo, fa ho riteñe,
amy t'ie tanen-tsamposampon-draha,
vaho renge' iareo o irevendreveña' iareoo.
39 Aa le hitrao-pitobok' ao
ty fosa naho ty farasy,
hiantraño ao ka o voron-tsatrañeo;
le tsy ho fimoneñañe kitro-katroke,
tsy hañialoañe mb'an-tariratse
an-tamingañe.
40 Ho hambañe amy nandrotsahan' Añahare i Sedome naho i Amorà
vaho o mañohoke iareoo,
hoe t'IEHOVÀ;
tsy himoneña' ondaty,
tsy hañialoa' ty ana' ondaty.
41 Inao! hitotsake boak' avaratse añe ondatio, fifeheañe jabajaba naho mpanjaka maro
ty ho troboeñe boak'an-tsietoitane añe.
42 Vontitire' iereo ty fale naho ty lefoñe, mpampisoañe tsy miferenaiñe;

mitroñe hoe i riakey ty feo' iareo,
mijon-tsoavala;
miriritse hoe ondaty hihotakotake,
ama'o ry anak' ampela' i Bavele.
43 Fa jinanji' ty mpanjaka' i Bavele
ty talily iareo,
vaho migebañe o fità'eo;
namihiñ'aze ty halonjerañe,
ty fanaintaiñan-ampela mitsongo.
44 Inao! eo ty hionjoñe hoe liona boak'amo rongo-matahe' Iordaneo
mb'an-goloboñe mifahetse mb'eo;
f'ie ho roaheko amy zao,
vaho ho tendrèko hamehe aze ze joboñeko; fa ia ty rahambako?
Ia ty hamotoañ' andro ho ahy?
Le ia ty mpiarake hahafiatrek' ahiko?
45 Aa le mahajanjiña ty safiri' IEHOVÀ nisafirie'e i Bavele,
naho ty ereñere niereñere'e
i tane' o nte-Kasdioy;
toe ho kozozote'e mb'eo
ndra ty kede amy lia-rai'ey, hampangoakoahe'e ty am'iereo i fiandraza' iareoy.
46 Hampirihindrihie' i Taney ty koike
manao ty hoe: Fa rinambe ty Bavele;
vaho ho janjiñeñe amo fifeheañeo
ty fikoaihañe.

# 51

1 Hoe t'IEHOVÀ: Inao!
hetsefeko amy Bavele naho amo mpimone' i Leb-Kanaio ty kofom-pijoy.
2 Le hañitrifako ty ambahiny hanongañe aze, naho hampikapaike i tane'ey;
fa hiarikoboñe hiatreatre aze iereo
amy andron-kankà'ey.
3 Ko mei'o t'ie hampibitso-pale,
naho ty hiongaha' ty aman-tsarom-by;
tsy sisañe o ajalahi'eo,
fonga rotsaho o valobohò'eo,
4 hitsingoro an-tane' o nte Kasdio,
ie tinombok' an-dala'iareo eo.
5 Fe tsy niramavoin' Añahare'e,
IEHOVÀ' i Màroy, t'Israele naho Iehodà;
ndra te lifo-kakeo aolo' i Masi' Israeley
i tane' iareoy.
6 Itribaho ty lay i Bavele ao*,
songa mandrombaha aiñe,
ko mirotsak' amy fandilovañe azey;
fa tondroke ty andron-kaviñera' IEHOVÀ; hañondroha'e ho valen-kakeo'e.
7 Toe ni-fitovy volamena am-pità' IEHOVÀ t'i Bavele, hene nampimamoe'e ty tane toy†;
ninome' o kilakila' ndatio ty divai'e,
izay ty maha-dereñe iareo.
8 Nideboñe ami'ty manao zao ty Bavele, rotsake ! angololoiho !
Añendeso aoly o fangirifiri'eo,

* 51:6 Oni: Iir 50:8 † 51:7 Ben 17:1-18

hera hahsarik’ aze.
9 Nañosora’ay famelañe t’i Bavele,
f’ie tsy nahajangañe aze, ifario,
antao songa himpoly mb’an-tane’e añe;
fa mitakatse i likerañey ty fizakañ’aze,
toe mionjomb’an-dindiñe añe.
10 Fa nihenefa’ IEHOVÀ ty fañavantañañe anay; antao hitalily e Tsione ao
ty fitoloña’ IEHOVÀ Andrianañaharentika.
11 Sioño o ana-paleo, atsafo o traño’eo,
fa nitroboe’ IEHOVÀ ty tro’
o mpanjaka’ i Madaio;
fa safiri’e ty mandrotsake i Bavele;
ho famalea’ IEHOVÀ,
ho fañodrohañe i anjomba’ey.
12 Aonjono viloñe amo kijoli’ i Baveleo, ampaozaro o mpijiloo,
atroaro o mpañambeñeo,
ampihentseño mpamandroñe;
fa naereñerè’ IEHOVÀ naho nihenefa’e i nitsara’e amo mpimone’ i Baveleoy.
13 O mpiambesatse añ’ olon-drano maro,
am-bara tsifotofotoo,
fa tsatoke ty figadoña’o,
ty fizehem-pikatramoa’o.
14 Fa nifanta am-pañova’e t’IEHOVÀ’ i Màroy: Toe ho tsitsifeko ondaty
mira amo kijejao rehe;
ie hipoña-tsabo ama’o.
15 I namboatse ty tane toy ami’ty haozara’ey, i nañoreñe ty voatse toy ami’ty hihi’ey,
naho nandafike o likerañeo
ami’ty hilala’e;
16 ie mañotroke i fiarañanaña’ey
le mitroñe o rano an-dikerañeo; ampionjone’e boak’añ’olon-tane añe
o evoñeo; anoe’e ampiñe i orañey,
vaho akare’e amo riha’eo i tiokey.
17 Zoeñe te biby t’indaty tsy aman-kilala; songa salatse ty mpanefe volamena
ty amo sare sokire’eo,
te vande avao i trinana’ey,
mbore tsy mahakofòke.
18 Hakoafañe iereo, satam-pamerevere;
ie ho mongotse ami’ty andro
fandilovañe iareo.
19 Tsy manahake zay ty Anjara’ Iakobe, amy te Ie ro Mpamboatse ze he’e,
naho ty kobain-dova’e,
IEHOVÀ’ i Màroy ty tahina’e;
20 Ihe ro dodako naho fialiañ’ aliko,
ie rekets’Azo le hampagomokomoheko ty fifelehañe
naho hampikimokimoheko ty fifeheañe.
21 Ie ama’o raho, le andemodemoheko soavala naho i mpiningi’ey,
naho ama’o le hampikimokimoheko
ty sarete rekets’ i mpijoñe ama’ey;
22 Ie ama’o le hampibaibaieko
t’indaty naho ty ampela,
naho ama’o le hañimokimoheko

ty androanavy naho ty tora’e;
vaho ie ama’o le handemoheko
ty ajalahy naho ty somondrara.
23 Ie ama’o le hampagomokomoheko ty mpiarake naho ty lia-rai’e,
ie ama’o le handemoheko
ty mpiroake naho o katraka’eo,
ie ama’o le hañimokimoheko
o mpifeheo rekets’ o sorota’eo.
24 Le hondrohako amy Bavele
naho amo hene mpimone’ i Kasdio,
ze fonga halò-tsereke nanoe’ iereo
e Tsione ao ampahaoniña’o eo,
hoe t’IEHOVÀ.
25 Inao atreatreko rehe, ry vohitse mandrotsake, hoe t’IEHOVÀ,
ty mampianto ty tane toy iaby;
le hatora-kitsiko ama’o ty sirako,
naho havarimbariko
hizotso o tsera-batoo rehe,
vaho hanoeko vohitse finorototo.
26 Le tsy hangala’ iareo ama’o
ty vato-kotsoke,
ndra ty vato hanoeñe manantañe;
fa hangoakoake kitro-katroke,
hoe t’IEHOVÀ.
27 Añonjono viloñe i taney,
popoho añivo’ o fifeheañeo ty antsiva, añambaho fifeheañe hiatreatre aze,
koiho hifanontone ama’e
ty fifehea’ i Ararate‡, i Miny§,
naho i Askenaze*;
tendreo mpiaolo hiatrek’aze;
ampionjono mb’eo o soavalao
hoe kijeja mifamorohotse.
28 Ambaho ho ama’e o fifeheañeo,
o mpanjaka’ o nte-Madaio, o mpifele’eo,
o sorotà’eo, reketse ze hene tane fehe’e.
29 Aa le manginikinike vaho mañore i taney;
amy te mijadoñe o ereñereñ’ arofo’ IEHOVÀ amy Baveleo,
te hampangoakoahe’e ty tane’ i Bavele,
tsy ho amam-pimoneñe.
30 Malain-kialy o fanalolahi’ i Baveleo; mikonenak’ am-pipalirañe ao;
fa milesa ty haozara’ iareo,
hoe t’ie rakemba;
nampiforeheteñe o akiba’eo,
pinozake o sikada’eo.
31 Milay hifanojo ami’ty mpijilo raike
ty raike,
naho hifanampe ami’ty ìrake raike
ty raike,
hitalily amy mpanjaka’ i Baveley
te fa tinavañe an-kotso’e valo i rovay;

‡ **51:27** Ararate: ty fatse mampihondrahondra § **51:27** Miny: vinolily; veka’e * **51:27** Askenaze: afo mandakake

32 fa tinambozòtse o fitsahañeo,
fa finorototo o vindao,
vaho vorombeloñe o lahin-defoñeo.
33 Hoe t'Iehovà' i Màroy,
t'i Andrianañahare' Israele:
Ho toem-pifofohañe t'i Bavele
amy androm-pamofohañey;
aniany te ho tendreke
ty sam-pitatahañe aze.
34 Fa nampigedrañ'ahy t'i Nebokadnetsare, mpanjaka' i Bavele, dinemo'e raho,
napo'e eo hoe korobo kapaike,
nagodra'e an-tsatan-drimo,
naatsa'e an-tro'e ao o mafirikoo,
vaho sinao'e raho.
35 Ee te ho amy Bavele
ty hekoheko nanoañe ahy
naho amo nofokoo,
hoe ty asa' o mpimone' i Tsioneo;
naho ho amo nte-Kasdio ty lioko,
hoe t'Ierosalaime.
36 Aa le hoe t'Iehovà,
Inao! te hañalañalañe ho azo raho,
naho hampañondrohako ty do'e
naho ho maiheko i oñe'ey
vaho ho riteko i rano'e migoangoañey.
37 Hanoeñe votre t'i Bavele,
lakatom-panaloke,
halatsañe naho fikosihañe,
tsy amam-pitoetse.
38 Hañaolo hoe liona tora'e iereo; hitromoroñe hoe ana-diona mena.
39 Ie misolebotse ty drao'iareo,
le hazotsoko am'iereo ty takataka; hampimamoeko iereo hitsipoñapoña,
naho hirota'e firotse kitro-katroke,
vaho tsy hivañoñe, hoe t'Iehovà.
40 Hampiambanèko hoe anak' añondry ho lentañe,
hoe añondrilahy naho oselahy.
41 Hete! fa tinavañe ty Sesake,
fa nijihetse ty enge' ty tane bey toy!
Akore te fa halatsañe amo fifeheañeo t'i Bavele.
42 Fa nitroare' i riakey t'i Bavele,
nilipore' ty fitroatroaha' o onja'eo.
43 Fa mangoakoake o rova'eo,
kànkañe i taney naho liolio,
tane tsy imoneña' ondaty,
tsy irangà' ty ana' ondaty.
44 Toe ho liloveko t'i Bel e Bavele ao,
naho hampiakareko am-bava'e ao
o nagedra'eo,
vaho tsy hikararake mb'ama'e mb'eo ka o fifeheañeo;
eka, fa nideboñe ty kijoli' i Bavele.
45 O ry ondatikoo,

mandripaha boak'ama'e ao†,
mipolitira, songa ondaty mirombaha-piaiñe,
ami'ty haviñera' IEHOVÀ miforoforo.
46 Ko ado'o hifatsike o arofo' areoo,
ko irevendreveñe ty amy tolom-bolañe
ho janjiñe amy taney;
fa ho pok'eo ty talily bokòke
ami'ty taoñe raike,
le ty tolom-boetse, an-taon-kafa
naho ty fandrakarakañe amy taney
ie hifandrapake ami'ty mpifeleke
ty mpifehe.
47 Aa le oniño, te ho tondroke ty andro hizakako o sare niatoa' i Baveleo,
naho fonga ho salareñe i tane'ey;
vaho hifitafita ama'e ao o aze zinamañeo.
48 Le hisaboe' i likerañey naho ty tane toy,
naho ze hene am'iereo ao, ty Bavele;
fa hiambotraha' o mpamaoke
boak' avaratseo, hoe t'IEHOVÀ.
49 Eka, hikorovoke t'i Bavele
ty amo tinomboke e Israeleo,
toe nideboñe ty amy Bavele
o nihomak' amy tane iabiio.
50 Ry nahafipoliotse amy fibaray, mandripaha, ko tambatse ao,
tiahio t'IEHOVÀ boak' an-tsietoitane añe,
vaho ampiziliho añ'arofo' areo ao t'Ierosalaime.
51 Salatse zahay fa nahatsanoñ' inje, manafotse ty tarehe'ay ty hameñarañe;
amy te nimoahan' ambahiny
ty toe-masin' anjomba' IEHOVÀ ‡.
52 Aa le oniño te ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ,
te ho liloveko o sare niatoa'eo;
vaho hanitsike i tane'ey
ty fitoreova' o nifereo.
53 Ndra te hitoabotse mb'andikerañe ey
t'i Bavele,
naho hafatrare'e i tambohon-kaozara'ey,
mbe hiboak' amako, hionjoñe mb'ama'e mb'eo o mpampiantoo, hoe t'IEHOVÀ.
54 Inay ty koeake boak'e Bavele,
naho ty harotsahañe jabajaba
hirik'an-tane' o nte-Kasdioo!
55 Fe hampiantoe' IEHOVÀ t'i Bavele,
naho hajihe'e i fikorahañe ama'ey,
ie mitroñe hoe rano mitabohazake
o onja' iareoo,
i fipoñafa' ty fivalitaboaham-peo'iareoy;
56 Ie mivotrak'ama'e i mpandrotsakey, amy Bavele,
naho ho tsepaheñe o fanalolahi'eo,
ho tseraheñe o fale'eo;
fa Andriananañahare mpamale fate t'IEHOVÀ,

† **51:45** Oni: Iir 50:8, Ben 18:4 ‡ **51:51** Sab 79:1-7, Fir 1:10, Dan 8:13, 11:31

toe hene hondroha’e.
57 Hampimamoeko o roandria’eo
naho o mahihi’eo,
o mpifeheo naho o mpifelekeo,
vaho o fanalolahio;
le hirotse firoroan-kitro-katroke,
tsy hivañoñe ka, hoe t’i Mpanjaka,
IEHOVÀ’ i Màroy ty tahina’e.
58 Hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy:
ho vata’e rotsaheñe o kijoly mateve’
i Baveleo; naho ho forototoe’ ty afo
o lalam-bei’e mitiotiotseo;
aa le tsi-vara ty fitoloña’ ondatio,
vaho afo ty himokora’ o fifeheañeo.
59 Ty saontsy nafanto’Iirmeà mpitoky amy Seraia§ ana’ i Nerià, ana’ i Maseia, ie
nindre lia amy Tsidkia mpanjaka’ Iehodà mbe Bavele mb’eo amy taom-paha-efam-
pifehea’ey. (Talèm-pañalankañ’ anjomba t’i Seraia. )
60 Fonga sinoki’ Iirmeà am-boke-pelek’ ao o hankàñe hifetsak’ amy Baveleo, o hene
entañe sinokitse ty amy Bavele retoañe. 61 Hoe t’Iirmeà amy Seraia: Ie loake e Bavele
añe rehe le mahaoniña te ho vakie’o am-peo abo o hene tsara zao, 62 le ano ty hoe,
Ihe ry IEHOVÀ, ro nitsara ty amy toetse toy, ty hañitoañe aze, tsy ho amam-pañialo,
ndra ondaty ndra hare, f’ie hangoakoake nainai’e kitro-katroke. 63 Ie vaho migadoñe
ty famakiañe ty boke toy, le handrohiza’o vato, vaho hahiriri’o añivo’ i Perate ao; 64 le
ano ty hoe: Zao ty hilempora’ i Bavele, tsy hitroatse ka, ty amy hankàñe hafetsako
ama’e; vaho hitoirañe iereo. Zay ty figadoña’ ty enta’ Iirmeà.

# 52

1 Ni-roapolo taoñe raik’ amby t’i Tsidkia te niorotse nifehe, vaho nifeleke folo-tao-
raik’ amby e Ierosalaime ao; i Kamitale*, ana’ Iirmeà nte-Libnà, ty tahinan-drene’e.
2 Nanao ty hatsivokarañe am-pivazohoa’ IEHOVÀ re, hambañe amo nanoe’ Iehoiakime
iabio. 3 Aa ie ami’ty haviñera’ IEHOVÀ am’ Ierosalaime naho am’ Iehodà, le tsy mete
tsy nanoe’e soike tsy ho añ’atrefa’e eo.
Niola amy mpanjaka’ i Baveley t’i Tsidkia. 4 Aa ie ami’ty andro faha-folo’
i volam-paha-folo’ i taom-paha-sivem-pifehea’ey, le nivotrak’ e Ierosalaime ty
Nebokadnetsare mpanjaka’ i Bavele, ie naho ze hene lahin-defo’e haname aze,
naho nitobe niatrek’ aze; vaho nandranjy rafe-pitroarañe añ’ariary aze. 5 Aa le
niarikatoheñe ampara’ ty taom-paha-folo-raik’ ambi’ i Tsidkia mpanjaka i rovay.
6 Ie amy andro faha-sive’ i volam-pah-efatsey, te nisilofe’ ty kerè i rovay, le tsy
ama mofo ondati’ i taneio. 7 Vinaky amy zao i rovay naho songa nivoratsake ty
lay o lahindefoñeo, niavotse i rovay haleñe nimb’an-dalambey añivo’ ty kijoly roe,
marine ty golobo’ i mpanjakay—ie amy zao niarikoboñe i rovay o nte-Kasdio—le
norihe’iereo ty lalam-bañ’ Arabà mb’eo. 8 Fe nihoridañe’ o mpirai-lian-dahin-defon-
te-Kasdio i mpanjakay vaho tsinepa’ iareo a’ monto’ Ieriko eo t’i Tsidkia; le hene
nandripàk’ aze o lahindefo’eo. 9 Rinambe’ iareo amy zao i mpanjakay naho nasese
mb’amy mpanjaka’ i Baveley mb’e Ribla an-tane Kamate añe; le zinaka’e. 10 Zinama’
i mpanjaka’ i Baveley o ana’ i Tsidkiao aolom-pihaino’eo; le zinevo’e ka o roandria’
Iehodào e Riblà ao. 11 Ginoa’e amy zao o fihaino’ i Tsidkiao; naho vinaho’ i mpanjaka’
i Baveley an-torisìke, naho nendese’e mb’e Bavele añe vaho najo’e an-drohy ao am-
para’ ty andro nivetraha’e.

§ **51:59** Seraia: ty roandria’ IEHOVÀ * **52:1** Kamitale: alok’ ami’ty hatrovoha’e

12 Ie amy andro faha-folo’ i volam-paha-limey, an-taom-paha-folo-sive-ambi’ i
Nebokadnetsare, mpanjaka’ i Bavele, le nivotrake e Ierosalaime ao t’i Nebozaradane,
mpifehem-pigaritse, mpijohañe añatrefa’ i mpanjaka’ i Baveley; 13 le nampangoto-
momohe’e ty anjomba’ Iehovà naho ty anjomba’ i mpanjakay, vaho finorototo’e
amañ’ afo ze hene anjomba’ ondati-bey. 14 Nakoroma’ o lahindefo nte-Kasdy mpiamy
mpifehem-pigaritseio, o kijoly iaby niarikatoke Ierosalaimeo. 15 Le nendese’ i
Nebozaradane mpifehem-pigaritsey an-drohy mb’eo ty ila’ o rarake am’ondatio naho
o honka’e an-drovao, naho o nivalike mb’amy mpanjaka’ i Baveleo vaho ty sehanga’
o mpitoloñeo. 16 Fe nenga’ i Nebozaradane ho mpañalahala vahe naho mpiarake o
loho rarake amy taneio.
17 Le pinozapoza’ o nte-Kasdio o fahañe torisìke añ’anjomba’ Iehovào naho o
foto’eo naho i tante-rano torisìke añ’anjomba’ Iehovày, vaho nendese’ iereo mb’e
Bavele añe ze hene torisìke ama’e, 18 naho o valàñeo naho o sajoam-porohao naho o
fiharatan-tsokotsokoo naho o fitovio, o finga’eo vaho o fanake torisìke fitoroña’ iareo
iabio, vaho fonga nasese. 19 Le nitavane’ i mpifehem-pigaritsey ka o soakazoo naho o
endraendrao naho o kovetao naho o fitovio naho o mpitan-jiroo naho o koroboo; ze
am-bolamena ty Amy volamena’ey vaho ze am-bolafoty ty Amy volafoti’ey. 20 I fahañe
roe rey, i tante ranoy, i añombelahy torisìke folo-ro’amby ambane’ i riakey naho o
foto’eo, o nitsenè’ i Selomò añ’anjomba’ Iehovào—tsy nian-danja ty torisìke amy hene
fanake rezay. 21 Le i fahañe rey, sindre kiho folo-valo’ amby ty haabo’e, kiho’e folo-
ro’amby ty taly nahafiariary aze; vaho rambom-pitañe efatse ty hateve’e, ie nikòake
ty am-po’e ao. 22 Hàlañe torisìke ty ambone’e eo; lime kiho ty haabo’ i hàlañey,
tama’e ka ty tsingarakarake naho o saren-dagoa niaripitek’ ama’eo, songa torisìke;
nihambañe ami’ty raike i faharoey rekets’ o dagoa’eo. 23 Sivam-polo-eneñ’amby ty
dagoa añ’ ila’alafe’e eo, zato ty dagoa niariary aze amy tsingarakarakey.
24 Le rinambe’ i mpifehem-pigaritsey t’i Seraia, mpisorom-bey naho i Tsefania,
mpisorom-paha-roe, naho ty mpiamben-dalañe telo; 25 le nalae’e boak’ an-drova ao
ty mpifehe tinendre ambone’ o lahindefoñeo naho ty lahilahy fito amo mpahaoniñe
ty lahara’ i mpanjakaio, ze nitendrek’ an-drova ao; naho ty silikitera’ ty mpifeleke
i màroy, i mpikoike ondati’ i taneio; vaho lahilahy enempolo am’ondati’ i taneio,
ze nizoeñe amy rovay. 26 Nasese’ i Nebozaradane mpifehem-pigaritsey mb’amy
mpanjaka’ i Baveley e Riblà mb’eo iereo, 27 le zinevo’ i mpanjaka’ i Baveley; navetra’e
e Riblà an-tane Kamate eo. Aa le nasese boak’an-tane’e ao t’Iehodà.
28 Iretoa ondaty nasese’ i Nebokadnetsare an-drohio: amy taom-paha-fitoy, telo-
arivo-tsi-roapolo-telo’ amby amo nte-Iehodao; 29 amy taom-paha-folo-valo-ambi’ i
Nebokadnetsarey, ondaty valonjato-tsi-telopolo-ro’ amby boak’ Ierosalaime ao; 30 amy
taom-paha-roapolo-telo-ambi’ i Nebokadnetsarey le nasese’ i Nebozaradane mpi-
fehem-pigaritsey an-drohy ty nte-Iehodà fiton-jato-tsi-efapolo-lim’ amby; nitontoñe
ho ondaty efats’ arivo-tsi-enen-jato.
31 Aa le nifetsak’ amy andro faha-roapolo-lim’ ambi’ i volam-paha-folo-ro’ ambi’
i taom-paha-telo-polo-fito-ambi’ ty fandrohiza’ Iehoiakine mpanjaka’ Iehodày, te
nampiavote’ Ivil-merodake mpanjaka’ i Bavele amy taom-baloham-pifeleha’ey ty
añambone’ Iehoiakine mpanjaka’ Iehodà vaho nakare’e am-balabey ao. 32 Nisaontsy
mora ama’e, vaho naonjo’e ambone’ ty fiambesa’ o mpanjaka ila’e niharo ama’e
e Baveleo ty fiambesa’e. 33 Novae’e o sikim-pirohi’eo vaho nanjotsoañe mahakama
añatrefa’e nainai’e amo hene andro niaiña’eo. 34 Le i fiveloma’ey, nitolom-pamahañe
aze boak’ andro amo hene andro niaiña’eo ty mpanjaka’ i Bavele ampara’ ty andro
nihomaha’e.

# Firovetañe

## 1

1 א Akore ty habangìñem-pitoboha’
o rova nilifots’ ondatio!
Heheke te hoe ramavoiñe henaneo,
ie nijabajaba amo fifeheañeo!
Ie nianak’ampelam-panjaka añivo’
o faritseo le fa forekekeñe henane zao.
2 ב Mafaitse ty fangoihoia’e te haleñe;
ranomaso avao ty am-pifi’eo;
ie añivo’ o fonga sakeza’eo
ro po-mpañohò;
sindre namitak’ate aze o rañe’eo
songa rafelahi’e henaneo.
3 ג Nasese an-kaloviloviañe t’Iehodà,
naho ampañondevozañe losotse;
amo kilakila ondatio ty imoneña’e
henane zao,
tsy mahaisake fitofañe ;
fa nahatratse aze iaby
o mpañoridañ’ azeo,
añivo’ o halovilovia’eo.
4 ד Hene mandala o lala’ i Tsioneo
amy te tsy ama’e ty mamonje
o sabadidake namantañañeo*;
songa vahiny o lalam-bei’eo,
miselekaiñ’ avao o mpisoro’eo;
mihontoke o somondrara’eo,
fa finaha manahin-ka.
5 ה Fa nanoeñe talè’e henaneo o rafelahi’eo, miraorao henane zao o malaiñe azeo,
f’ie nampisotrie’ IEHOVÀ
ty amo fiolà’e tsifotofotoo;
fa nasese mb’an-drohy mb’eo
aolo’ o rafelahi’eo o keleia’eo.
6 ו Fonga napo’ i anak’ampela’ i Tsioney
ty volonahe’e;
ie hoe bakaralahy, tsy manjo
fiandrazañe o roandria’eo;
nibotafotse po-kaozarañe
aolo’ i mpañoridañey.
7 ז Tiahi’ Ierosalaime,
ze hene vara’e añ’andro taolo,
ie nisotry naho nirererere,
ie mijoñe am-pitan-drafelahi’e ao,
ie pitsom-pañolotse,
vaho nisamba i fihotraha’ey
o malaiñ’azeo,
nikizake i harotsaha’ey.

* 1:4 Sor 23

8 ח Niota faly t’Ierosalaime,
aa le ìnjen-dre henaneo;
mavoe’ o niasy aze iabio,
fa niisa’ iareo ty fimeñara’e;
miselekain-dre vaho miamboho.
9 ט An-tsiki’e leny ao ty haleora’e;
tsy hinao’e t’ie ho figadoña’e;
nahalatsa ty nihotraha’e,
ie tsy amam-pañohò.
O ry IEHOVÀ, vazohò ty fisotriako,
ie ireñeta’ ty rafelahy!
10 י Fa natorakitsi’ o mpalaiñe azeo ambone’ o vara’e iabio o fità’eo;
niisa’e iaby ty fipoñafa’
o kilakila’ ndatio i toe’e miavakey,
o nirarà’o tsy himoake
am-pivori’oo.
11 כ Songa mitoreo ondati’eo,
mitsoeke mofo;
natsalo’ iareo mahakama ty vara’ iareo
ho famelomam-piaiñe.
Vazoho ry IEHOVÀ, mahaoniña
ty tsy fanjofahako henaneo.
12 ל Tsy ahoa’ areo hao zao,
ry mpiary mb’eo?
Paiao naho oniño, he ao ty hontoke
manahake o fihontoke
nafetsak’ amakoo,
ie naretsa’ IEHOVÀ amako
amy andron-kaviñera’e
miforoforo zao.
13 מ Nampihitrifa’e afo boak’ andikerañey,
le niteveke lalek’ an-taolako ao;
nandafiha’e harato o tombokoo;
nampolie’e mb’eo naho
nenga’e fiain-drifi’e,
vaho mitoirañe lomoñandro raho.
14 נ Hoe vinahotse an-joka o fiolàkoo,
mirohy am-pità’eo,
mivandibanditse
pak’am-bozoko eo;
mampinike ty haozarako;
natolo’ i Talè am-pita’ o tsy lefeko ijohañañeo.
15 ס Hene naforintse’ i Talè
o lahindefoko añivoo;
nitaroñe’e amako ty andro
ho demohe’e o ajalahikoo;
fa linialia’ i Talè hoe
am-pipiritan-divay i anak-ampela mieha’ Iehodày.
16 ע Rovetako i raha rezay;
midoandoan-drano-maso avao
o masokoo;
fa lavits’ahy ty mpañohò,

ty hampitsekake ty fahavaniako;
bangiñe o anakoo,
ty amy nandreketa' i rafelahiy.
17 פ Mañity tañañe t'i Tsione,
fa tsy eo ty hañohò aze;
fa nandilia' IEHOVÀ
ty am'Iakobe o mpañohok' azeo
ty hifandrafelahy ama'e;
ninjare raha maleotse añivo' iareo
ao t'Ierosalaime.
18 צ To ty a IEHOVÀ,
amy te niolàko o entam-palie'eo;
mijanjiña arè ry kilakila' ondatio
vaho isao o halovilovikoo;
te nisese mb'am-pandrohizamb'eo
o somondrarakoo naho o ajalahikoo.
19 ק Kinaiko o sakezakoo
fe nifañahie' iareo;
namoe'aiñe an-drova ao o mpisoroko
naho o androanavikoo
ie nitsoeke mahakama
hameloma'e fiaiñe.
20 ר Hehe, ry IEHOVÀ t'ie
an-koheke;
mikoreokoreoke ty troko,
mifihiñe amako ao ty foko,
amy hafairañe nilosotsey.
Mampandala an-dalañe eo ty fibara;
hoe fihomahañe ty añ'anjomba ao.
21 ש Jinanji' iereo ty fitoreovako,
zaho pitso-pañohò;
jinanji' o rafelahiko iabio
o feh'ohakoo;
ehake iereo te nanoe'o zay.
Ampitsatoho i andro nitseize'oy,
le hanahak' ahy iereo.
22 ת Ampombao aolo'o eo ze fonga
fitoloñan-drati' iareo;
le ano am' iereo o nanoe'o amakoo,
ty amo fiolàñe iabio;
amy te lako toreo raho vaho
midazidazìtse ty troko.

# 2

1 א Hedèy te nakopo' i Talè an-drahoñe ao t'i Tsione amy haviñera'ey!
Naretsa'e boak' an-dikerañey
pak' an-tane eo
ty hatsomerentsere' Israele,
vaho nandikofa'e ty fatimpaha'e
amy androm-pifomboa'ey.
2 ב Fa nagedra' i Talè
tsy aman-tsehanga'e o kiboho' Iakobeo,

vaho tsy niferenaiña'e;
fa nafetsa'e ambane eo o kijoly fatrats'
i anak' ampela' Iehodàio;
ie nafotsa'e an-tane;
tiniva'e i fifeheañey
naho o roandria'eo.
3 ג Fa naitoa'e an-kaviñerañe
mena ty tsifa' Israele;
nasita'e aolo' i rafelahiy
ty fità'e havana;
vaho finorototo'e hoe
afo misolebatse t'Iakobe,
afo mangotomomoke mb'eo mb'eo.
4 ד Nabitso'e hoe rafelahy ty fale'e,
najado'e hoe ravetro ty fità'e,
vaho zinama'e iaby ze nisoa am-pihaino;
an-kivoho' i anak'ampela' i Tsioney
ty nampidoandoaña'e
ty haviñera'e hoe afo.
5 ה Fa ninjare rafelahy t'i Talè henanekeo,
fa nigenohe'e t'Israele;
hene nabea'e o sokemitraha'eo,
rinotsa'e o fipalirañe fatratseo;
vaho nampitomboe'e amy
anak'ampela' Iehodày
ty fangololoihañe naho fandalàñe.
6 ו Hinatsakatsa'e i kivoho'ey
hoe t'ie nigoloboñe;
nampiantoe'e i toem-pivori'e namotoañañey;
nampahaliñoe' Iehovà e Tsione ao
o Famantañañeo naho o Sabatao,
vaho ninjè'e ami'ty fitorifiha'
i fifomboa'ey i mpanjakay
naho o mpisoroñeo.
7 ז Navokovoko' i Talè i kitreli'ey,
nampangorìñe Aze i toe'e niavakey;
napo'e am-pitan-drafelahy
o rindrin' anjombao:
ie nikorake añ'anjomba'
Iehovà ao, manahake
te añ'androm-pivory miavake.
8 ח Sinafiri' Iehovà ty handrotsake
ty kijoli' i anak' ampela' i Tsioney;
fa kinazazà'e ty taly,
tsy nampoli'e ty fità'e
tsy handrotsake;
nampirovete'e iaby ty fahañe
naho ty rindriñe;
mitrao-pinìke iereo.
9 ט Nalentek' an-tane ao
o lalam-bei'eo;

fa rinotsa’e vaho pinoza’e
o sikada’eo;
songa an-tane tsy mitan-Kàke
i mpanjaka’ey naho o roandria’eo;
eka tsy manjo aroñaroñe boak’
am’ IEHOVÀ o mpitoki’eo.
10 י Mitozòke an-tane eo
ty androanavi’ i Tsione,
mijomohoñe,
nampibobò deboke añ’ambone’eo;
midian-gony am-baniañe;
miondre-doha’ mb’an-tane
o somondrara mieha’ i Tsioneo.
11 כ Milesa o masokoo ty amo ranomasoo, mioremeñe ty troko;
fa nadoañe an-tane ty ateko,
ty amy fandrotsahañe
i anak’ampela’ ondatikoy,
ty amo anak’ajajao naho o mpinono
mitoirañe an-dalan-drovao;
12 ל Hoe iereo aman-drene,
aia ty tsako naho ty divay?
ie tsipike hoe mate an-dala’ i rovay ey
ie midoañe añ’arañan-drene’e ao
ty fiai’ iareo.
13 מ Akore ty havereko azo?
Añoharako ami’ty inon-drehe
ry anak’ ampela’ Ierosalaime?
Ino ty hañirinkiriñako ama’o
hañohòako azo,
ry anak’ampela’ i Tsione?
Fa mienene manahake i riakey
ty fere’o, ia ty hahamelañe azo?
14 נ Nahaisak’ aroñarom-bande
naho hagegeañe ho azo o mpitoki’oo;
vaho tsy nabora’ iareo o tahi’oo,
hampipoliañe azo boak’an-drohy ao,
fa fetsen-dremborake ty niisa’ iareo,
toe talim-pandroahañe.
15 ס Songa miteha-pitañe ama’o
ze miary eo;
sindre mikosake naho mikofikofi-doha amy
anak’ampela’ Ierosalaimey
manao ty hoe:
Itoy hao i rova nitokaveñe ty hoe:
Fahafoniran-Kasoa Vintañe,
ty firebeha’ ty tane-bey toiy?
16 פ Nampidañadaña falie ama’o
o fonga malaiñe azoo;
mikosasàke naho mikodrìtse nife
manao ty hoe:
Fa nabean-tika;
itoy ‘nio i andro nitaman-tikañey,

fa tendreke, le isake.
17 ע Fa nanoe’ IEHOVÀ i naereñere’ey;
fa nihenefa’e i fetse najado’e
añ’andro taoloy;
fa naretsa’e ambane eo le tsy niferenaiña’e;
vaho nampirebehe’e ama’o o rafelahi’oo;
naonjo’e ty tsifa’ o malaiñ’azoo.
18 צ Mitoreo añ’arofo amy Talè iereo:
O ry kijoli’ i anak’ampela’ i Tsioney,
ampikararaho ranomaso hoe
sorotombake handro an-kaleñe;
ko ampahazoe’o fiaiñe ty fañova’o;
ko ampitofa’o o fihaino’oo.
19 ק Miongaha, mikoeaha te haleñe,
ami’ty fiorota’ o fijilovañeo;
adoaño ty arofo’o hoe
rano añatrefan-dahara’ i Talè;
añonjono fitañe ama’e ho ami’ty fiai’
o keleia’o mitoirañe ami’ty kerè
an-doha o lalañeo iabio.
20 ר Hehe ry IEHOVÀ biribirio:
ia o nanoa’o o raha zaoo?
Habotse’ o rakembao hao
o tolin-tsabo’eo?
o ajaja otroñe’e am-pitàñeo?
Ho zamaneñe an-toe’ i Talè miavak’ ao hao
ty mpisoroñe naho ty mpitoky?
21 ש Ty tora’e naho ty androanavi-bey,
songa màndre an-tane an-dalañe eo;
o somondrarakoo naho o ajalahikoo,
fonga zinevo’ i fibaray;
binaibai’o amy andron-kaviñera’oy
zinama’o fa tsy niferenaiña’o.
22 ת Kinoi’o hoe añ’androm-
pivory miavake,
o hekoheko miariseho ahikoo;
vaho leo raike tsy nahabotatsake,
tsy nanisañe amy andron-kaviñera’
IEHOVÀy;
o notroñekoo naho nibeizekoo
ro fonga nabea’ i rafelahiy.

# 3

1 א Ondaty nahatrea hasotrian-draho
amy kobain-kaviñera’ey.
2 Niaoloa’e naho nampomba’e
mb’an-kamoromoroñañe ao
fa tsy mb’an-kazavàñe.
3 Toe nafote’e amako lomoñandro
lomoñandro ty fità’e.
4 ב Nanoe’e hambo’e o nofokoo
naho o holikoo;

sindre pinekapeka’e o taolakoo.
5 Nanoa’e hàlañe, nañarikatoha’e afero
naho haloviloviañe.
6 Nampitobohe’e an-toetse maieñe
ao raho, hoe lolo-ela.
7 ג Narindri’e ao tsy hahafionjoñe;
nanoe’e mavesatse o silisilikoo.
8 Aa naho mikoikoike hipay imba,
le sikadaña’e alafe ao i halalikoy.
9 Nikalaña’e am-bato vinañe o liakoo,
nampikelokelofe’e o oloñolokoo.
10 ד Hoe amboa romotse mamandroñe
ahy, hoe liona añ’etaketak’ ao.
11 Natsile’e iaby o fombàkoo,
naho nirimidrimite’e ty sandriko;
nanoe’e babangoañe.
12 Fa nabitso’e ty fale’e, le nohara’e amako ty ana-pale.
13 ה Nampitrofahe’e ambaniako ao
o ana-tsotsòke boak’ an-trañon’
ana-pale’eo.
14 Fa finjè’ondatikoo raho,
bekobekoa’ iareo lomoñandro.
15 Finaha’e hafairañe
vaho natsafe’e vahon-tsoy.
16 ו Finoifoi’e am-bato o nifekoo;
nalembe’e an-davenok’ ao raho.
17 Nampihankàñe’o
lavi-panintsiñañe ty haveloko;
nihaliñoko ze o hasoa zao.
18 Le hoe raho, Fa modo ty
haozarako, ty fitamàko am’ IEHOVÀ.
19 ז Tiahio ty haloviloviako
naho ty hasotriako,
ty vahon-tsoy naho afero.
20 Toe tiahi’ ty fiaiko,
vaho mibotrek’ amako ao.
21 Ty hoe ty apotam-pitsakoreako,
mampitamà ahiko, te
22 ח le lia’e tsy mijihetse ty fiferenaiña’ IEHOVÀ
tsy mb’ia hilesa o fiferenaiña’eo.
23 Vao boak’andro;
ra’elahy ty figahiña’o.
24 IEHOVÀ ty anjarako, hoe ty troko,
aa le ie ty fitamàko.
25 ט Soa t’IEHOVÀ amo mahaliñe azeo;
amy arofo mipay Azey.
26 Mahasoa ondatio te mitama,
t’ie handiñe am-pianjiñañe
ty fandrombaha’ IEHOVÀ.
27 Hasoa am’ondatio ty mivave
ty jokan-katora’e.
28 י Angao re hiambesatse am-bangiñe

ao, hianjiñe,
amy te ie ty nandafik’ aze.
29 Hatoho’e an-debok’ ao ty falie’e,
hera ama’e ty fitamañe.
30 Soa re te hatolo’e amy mandrara-
tehak’ azey ty fiambina’e;
angao ampiliporeñ’ inje.
31 כ Fa tsy hañito nainai’e t’i Talè.
32 Aa ndra t’ie ty mampioremeñe,
mbe hiferenaiña’e
amy hafatraram-pikokoa’ey.
33 Tsy mora ama’e ty mandafa,
ndra ty mandilo o ana’ondatio;
34 ל Ie ampidemoheñe am-pandia,
ze mpirohi’ ty tane toy;
35 ie tsy omen-to ondatio añatrefa’
i Andindimoneñey,
36 ie ampikeloheñe ty enta’ ondatio—
tsy arofoana’ i Talè hao?
37 מ Ia ty nitaroñe naho nahafetsake zao,
naho tsy i Talè ty nametse?
38 Tsy boak’am-palie’ i Abo Tiañey hao ty hankàñe naho ty soa?
39 Akore ty itoreova’ondaty veloñeo,
o lahilahio ty amo tahi’eo?
40 נ Antao hañotsohotso hitsoke
o lalan-tikañeo,
vaho himpoly mb’am’ IEHOVÀ mb’eo.
41 Antao hañonjoñ’ arofo am-pitàñe mb’aman’Añahare an-digiligy añe.
42 Toe nandilatse zahay naho niola;
toly ndra tsy napo’o.
43 ס Nikolopok’ an-kaviñeran-drehe
te nañoridañe anay;
tsy niferenaiña’o t’ie nanjamañe.
44 Nisaron-drahon-dRehe,
tsy himoahan-kalaly.
45 Nanoe’o romoromo’e naho forompotse zahay
añivo’ o kilakila’ndatio.
46 פ Songa midañadaña falie ama’ay
o malaiñ’anaio.
47 Fa nifetsak’ ama’ay ty hebakebake
naho i koboñey,
ty famongorañe naho fandrotsahañe.
48 Mitsiritsioke rano o masokoo,
amy fandrotsahañe
i anak’ampela’ ondatikoy.
49 ע Midoandoañe mañambane
o masokoo,
vaho tsy mijihetse, tsy mitroatse,
50 Ampara’ te mivazoho mañambane
t’IEHOVÀ,
mitalake boak’ an-dikerañe añe.

51 Mampihontoke ty troko o masokoo
ty amo hene anak'ampelan-drovakoo.
52 צ Fa nikehe ahy hoe kibo,
tsy amam-poto'e o malaiñ'ahio.
53 Naitoa' iareo an-koboñe ao ty fiaiko,
vaho nandretsa-bato amako.
54 Nandipotse ty lohako o ranoo
vaho nanoeko ty hoe: Opo raho!
55 ק Kinanjiko ty tahina'o ry IEHOVÀ,
boak' an-koboñe loho lalek' ao.
56 Jinanji'o ty feoko;
ko aeta'o amy ravembia'oy
i fitoreokoy hahafikofohako.
57 Nitotok' ahy Rehe amy andro
nikanjiako azoy; le hoe Rehe:
Ko hemban-drehe.
58 ר Ry Talè, nañalañalañe'o
o entan' aikoo;
fa jineba'o ty fiaiko.
59 Ry IEHOVÀ, fa nivazoho'o
ty nasarañ' ahy; ehe izakao.
60 Fa nioni'o ty fitrotrofiaha' iareo
naho ty fikitroha' iareo amako.
61 שׁ Fa jinanji'o ty inje' iareo, ry IEHOVÀ,
naho o fikililia' iareo ahy iabio,
62 Ty fivimbi' o nitroatse amakoo,
ty fikinià' iareo ahy lomoñandro,
63 Vazohò iereo te miambesatse,
naho t'ie miongake;
zaho bekobekoa' iareo.
64 ת Mbe hondroha'o, ry IEHOVÀ,
ty amo satam-pità' iareoo.
65 Kolopofo ty arofo' iareo,
ametsaho fatse!
66 Horidaño an-kaviñerañe
vaho mongoro
ambanen-dikera' IEHOVÀ eo.

# 4

1 א Akore te nikomavo o volamenao,
hete! niova o volamena ki'eo!
Hene nadoandoañe aolo' ze lalan-drova eo o vato soao.
2 ב Mañeva volamena hiringiri'e
mira amo lanja'eo
o ajaja' sarots' i Tsioneo;
akore t'ie oharañe am-balàñe-tane
henaneo,
asam-pitàm-panao valàñe-tane!
3 ג Ndra o fanalokeo ro manolotse nono, hampinono o ana'eo,
fe ampisoañeñe manahake
o voron-tsatrañe am-patrañ'añeo
ondatikoo henane zao.

4 ד Mipitek’ an-dañilañi’e
ty lela’ o anak’ajajao
amy harandrano’ey;
mangata-kaneñe o ajajao,
fe tsy amam-panisa.
5 ה Mikoromak’ an-dalañeo
o nitakataka raha mafirio;
mitambozòtse votren-davenoke
o nibeizeñe an-tsikiñe malo-mavoo,
6 ו Fa lombolombo’ ty nandilovañe
i Sedome ty nandafañe ondatikoo,
ie aniany te narotsake,
ie fitàn-draike tsy zinonjoñ’ ama’e.
7 ז Nikotritriake hoe fanala o roandria’eo,
foty te aman-dronono;
nilikoatse o safira
pinilak’ amo vonga’eoo,
ty filoeloem-binta’ iareo.
8 Mainten-geroke hoe molale
o tareheo henaneo;
tsy fohiñe an-dalañey iereo,
fa niforejeje amo taola’eo ty holi’ iareo,
mipipìke hoe hatae maike.
9 ט Falefale i tinombom-pibaray
te amo trinofan-kasalikoañeo,
ie mitike avao ty fiai’ iretoañe,
ie tsy taka-tsindroheñe o tondao.
10 י O fitan-drakemba mpitretre’eo
fa nahandro o ana’eo;
ninjare filintse’e,
ami’ty famongorañe
o anak’ ampela’ ondatikoo.
11 כ Nihenefa’ IEHOVÀ i fifombo’ey;
fa nadoa’e i haviñera’e miforoforoy,
vaho namiañe afo e Tsione ao
ze namorototo o mananta’eo.
12 ל Tsy nahafiantoke
o mpifehe’ ty tane toio,
ndra o mpimone’ ty voatse toio,
t’ie hahafimoak’ an-dalambei’
Ierosalaime ao,
ty rafelahy ndra ty sadia-vahe.
13 מ Ie iaby zay
le ty amo hakeom-pitoki’eo
naho o tahim-pisoro’eo,
ie nampiorihe’ iareo lio-màliñe.
14 נ Ie nirererere hoe goa
an-dalan-drova ao;
tsy teo ty nahavany hitsapa o siki’eo
ami’ty hativa’e.
15 ס Soike! Veta!
ty nitazataza’ ondatio am’ iareo;

Soike! Añe! ko mitsapa!
aa le gike naho mpirererere iereo;
le hoe ty natao' o kilakila' ndatio:
Tsy hitobok' atoy ka iereo.
16 פ Nampivarakaihe' ty haviñera' IEHOVÀ,
tsy ho haoñe'e ka;
tsy niasia' iareo o mpisoroñeo,
tsy nisohe' iareo o androanavio.
17 ע Fa milesa o fihaino'aio,
mitolom-pijilojilo imba tsy vente'e;
nitalake avao zahay
nitama fifeheañe tsy maharombake;
18 צ Ie nitinoñe o lia'aio,
zahay tsy naha-jelanjelañe amo lala'aio;
mitotoke ty figadoña'ay,
voa-iake o andro'aio,
vaho an-titotse ty fimodoa'ay.
19 ק Nasika te amo tsimalahoo
o nihofik' ama'aio;
linafa' iareo am-bohitsey,
vinandro' iareo an-dratraratra ao.
20 ר O kofòn'ai'aio, o noriza'IEHOVÀo
le fa tinavañe an-kobo' iareo ao—
ie nataon-tika ty hoe: Ambanen'alo'e ao
ty himoneñan-tika
añivo' o kilakila' ndatioy.
21 ש Mirebeha, mifalea
ry anak'ampela Edome,
ihe mimoneñe an-tane Oze ao;
fe hiary ama'o ka i fitoviy;
ho jike rehe vaho hañalo-batañe, hiboridañe.
22 ת Fa heneke ty fandilovañe o hakeo'oo, ry anak'ampela' i Tsiòneo,
tsy hasese'e mb'an-drohy añe ka;
fe ho lilove'e o tahi'oo
ry anak'ampela Edomeo,
fonga habora'e o hakeo'oo.

# 5

1 Tiahio, ry IEHOVÀ,
i nifetsak' ama'ay zay;
vazohò vaho oniño ty fisalara'ay!
2 Natolotse amo ambahinio ty lova'ay,
amo rene-taneo o akiba'aio.
3 Bode zahay henaneo, toe bode rae;
remavoiñe o rene'aio.
4 Tsy mete tsy vilie'ay ty rano hinome'ay; kaloeñe o hatae avori'aio.
5 Ampisoañeñe o hatò'aio;
màmake zahay tsy maharendre-pitofàñe.
6 Fa nanolo-pitàñe amy Mitsraime zahay
naho amy Asore,
hitakara'ay mofo mahàtsake.

7 Nandilatse o roae’aio; tsy eo ka iereo;
zahay avao ty mivave o hakeo’eo.
8 Fehe’ o ondevoo, fe tsy eo
ty hamotsots’anay am-pità’ iareo.
9 Mampamoe’ aiñe
ty ahazoa’ay haneñe,
amy fibara an-dratraratray.
10 Mahamainte ty holi’ay hoe toñake
I kerè matrovokey. 11 Vahorañe e Tsione ao o rakemba’aio, naho amo rova’ Iehodào
o somondrara’aio.
12 Aradorado am-pità’e o roandriañeo;
tsy iasiañe ty lahara’ o androanavio.
13 Azitse handisañe ty ajalahy
naho midaleandaleañe o jolingao te
mijiny hatae.
14 Napo’ o androanavio ty lalam-bey,
nado o ajalahio ty bekobeko.
15 Nijihetse ty hafalean’ arofo’ay;
nifotetse ho fandalàñe o tsinja’aio.
16 Po-tsabaka zahay; feh’ohatse fa niota!
17 Zay ty mahasiloke o tro’aio,
zay ty mahalopelope o fihaino’aio;
18 toe i Vohi-Tsione mangoakoakey;
mitingañ’ ao o farasio.
19 Fa Ihe ry IEHOVÀ,
nainai’e tsy modo ty fifehea’o;
pak’amo tariratse fara-mandimbeo
ty fiambesa’o.
20 Akore t’ie naforintse’o?
Amoea’o andro maro hao zahay?
21 Ampolio ama’o, ry IEHOVÀ,
hibodaña’ay; vaò manahake o andro taoloo o andro’aio—
22 Fa naitoa’o zafezanake,
naho loho niviñera’o.

# Iekezkèle

1 Tamy andro faha-lime ty volam-pahefa' i taom-paha-telo-poloy, zaho nitraok' amo
naseseo, añ'olon-tsaka Kebare* eo, le nisokake o likerañeo vaho niaroñaroñeko i
Andrinañahare. 2 Tamy andro faha-lime' i volañeiy, i taom-paha-lime naha aman-
drohi' Ioiakine† mpanjakay, 3 le niheo am' Iekezkèle‡ mpisoroñe ana' i Bozy§, an-tane'
o nte-Kasdio*, añ' olon-tsaka Kebarey, ty tsara' IEHOVÀ, vaho tama'e ty fità' IEHOVÀ.
4 Zaho nañente, le hehe te boak' avaratsey ty tio-bey: rahoñe jabajaba niarisehoam-
palipalitsieñe, le nitolom-pitsopèlatse boak'ama'e ty afo, vaho an-teñateña' i afoy
ty mañirinkiriñe ty vato-voñe miloeloe. 5 Hoe raha veloñe efatse ty añivo'e eo le
hoe sandri' ondaty. ty vinta' iareo. 6 Songa aman-daharañe efatse, sindre amañ'
elatse efatse. 7 Nahity o fandia'eo, le nihoe tombon-temboay o fandia'eo vaho
nitsopelatsopelatse hoe torisìke vinañe, 8 ie amam-pità'ondaty efatse ambane' o
ela'eo amo ila'e efatseo. Le hoe zao ty laharañe naho ty ela' i efatse rey: 9 nifañoza
ty ela' iareo; songa nisitse mahity miaolo, tsy niolake ty fisitsira'e. 10 Aa ty amo
vintan-dahara'eo: le songa aman-dahara' ondaty i efatse rey, sindre tarehen-diona
ty añ'ila ankavana'e naho tarehen' añombe ty an-kavia' i efatse rey, vaho sambe
aman-tarehem-bantio i efatse rey; 11 izay i tarehe'e rey. Nivelatse ambone eo o
ela'eo; songa amañ' elatse roe nifampitakatse ami'ty ela' ty ila'e, le elatse roe ka ty
nanaroñe i sandri'ey, 12 songa nionjoñe mahity mb'eo, ze nimba' i arofoy ty nimba'e,
tsy nivioñe am-pañaveloañe. 13 Ty vinta' i raha veloñe rey le hoe vaen-afo mirekake,
manahake failo mihelohelo mb'etia mb'atia amo raha veloñeo; nireandreañe i afoy,
vaho nipelatse boak' añ'afo ao ty helatse. 14 Nipelapelatse mb' eo hoe fipelan-kelatse
i raha veloñe rey.
15 Ie nañente i raha veloñe rey raho, le nahatrea te songa aman-darò an-tane añ'ila i
raha veloñe efatse rey. 16 Aa ty amy vinta' o laròo naho ty fitseneañe iareo, le hoe am-
bintañe berile miloeloe, nihambam-bintañe iaby i efatse rey, rinanjy hoe larò añ'ate'
ty larò. 17 Ie nañavelo mb'aman-dra aia aia amo zoro-tane efatseo le tsy nivioñe te
nionjoñe. 18 Abo naho naharevendreveñe o bandin-darò'eo amy te tsitsike maso o
zanti'eo.
19 Ie nisitsitse i raha veloñe rey le nandeha ka i larò rey añ'ila' iareo eo; aa ie
nionjoñe mb'añ'abo mb'eo i raha veloñe rey le nionjoñe ka i larò rey. 20 Ndra aia'
aia nandenà' i arofoy, ty nandenà' iareo, le nindre nionjoñe am' iereo i larò rey; amy
te tañate' o larò'eo ty arofo' i raha veloñe rey. 21 Ie nisitse le nisitse ka ty larò; ie
nijohañe le nitsangañe ka ty larò; vaho ie nionjo boak' an-tane eo, le nindre nionjoñe
ka i larò rey; amy te tam-po' o laròo ao ty arofo' o raha veloñeo.
22 Ambone' ty loha' o raha veloñeo le ty nanahake tafo-bokoke, niloeloe hoe kristaly,
milañelañe ambone' o loha'eo. 23 Ambane' i bokokey le nivelatse mahity o ela'
iareoo, ty raike mb'amy ty raike, le amañ' elatse roe, nanaroñe ty vata'e ty raike,
vaho elatse roe ka ty nanaroñe ty añila' i vata'ey. 24 Ie nisitse iereo, le tsinanoko
hoe fitroñan-drano bey o ela'eo, manahake ty fiarañanaña' i El-Sadai, le ty feom-
pivalitsikotàhan-dahindefoñe; ie nitsangañe iereo le napoke mañambàne o ela'eo.
25 Aa ie niboak' amy bokoke ambone' loha' iareo eiy ty fiarañanañañe, le nijohañe
eo vaho naradorado' iareo o ela'eo.

---

* 1:1 Kebare: haozarañe † 1:2 Ioiakine: ty haozara' IÀ, ty fihentseña'e ‡ 1:3 Iekezkele: ty Haozaran'Andrianañahare § 1:3 Bozy: ty falaiñako * 1:3 Kasdy: hoe kokolampa ndra malaso

[26] Ambone’ ty bokok’ ambone’ o loha’ iareoo le nihoe fiambesatse, naho hoe safira
t’ie nirendreheñe; vaho niambesatse ambone’ i hoe fiambesatsey ty nirendreke te
amam-binta’ ondaty. [27] Le nitreako hoe t’ie am-bolon-torisike mileoloe, hoe afo ty
ama’e ao naho miariseho. Boak’ amo hoe vania’eo mañambone, naho hirik’ amo hoe
vania’eo mañambane, le hoe afo t’ie nenteako, vaho niarisehoam-pireandreañañe.
. [28] Manahake ty àvañe an-drahoñe an-gobon’ andro ty niboaha’ ty fireandreañe
niariseho aze, ie mañirinkiriñe ty vinta’ ty enge’ IEHOVÀ. Aa ie nitreako le nibabok’
an-tareheko vaho tsinanoko ty fiarañanaña’ ty mitsara,

# 2

[1] nanao amako ty hoe, O ana’ ondatio, miongaha am-pandia, le hivolañako. [2] Aa ie
nisaontsia’e le nimoak’ amako ty Tioke nampitroatse ahy an-tomboke naho tsinanoko
i nitsara amakoy. [3] Le hoe re tamako, O ana’ondatio, hiraheko mb’ amo ana’ Israeleo
rehe, mb’amo fifokoa mpiola niola amakoo; songa niola amako naho o roae’eo, pake
henanekeo. [4] Aa le hiraheko rehe mb’amo ana-dahy gan-tarehe naho fatra-poo, le hoe
ty ho asa’o ama’e, Hoe ty nafe’ IEHOVÀ Talè; [5] aa ke hijanjiñe iereo, he tsy hañaoñe,
amy t’ie anjomba mpiola; fe ho oni’iareo te tañivo’iareo ao ty mpitoky. [6] Aa ihe
ana’ ondatio, ko ihembaña’o, ko irevendreveña’o o saontsi’eo fa mpiola iereo, aa
ndra te mpiama’o ty fatike naho hisatse, naho kalengo ty imoneña’o, ko hembaña’o
o saontsi’eo, vaho ko miriatsandry aolo’e eo, fa akiba miola iereo. [7] Le ho taroñe’o
am’ iereo o volakoo, ke hijanjiñe he tsy hañaoñe, amy t’ie mpiola.

[8] Aa ihe ka, ana’ ondatio, tsendreño ty ho volañeko; ko miola rehe manahake ty
fiolà’ i anjomba mpiolay; sokafo ty falie’o, vaho kamao o azotsokoo. [9] Aa le nenteako
te ingo ty fitañe nahitrik’ amako, naho tama’e ao ty boke peleke; [10] navela’e amako,
ie sinokitse añ’ate’e naho alafe’e*, naho nisokireñ’ ama’e ao ty fandalañe naho ty
fihontohañe, vaho ty hankàñe.

# 3

[1] Le hoe re tamako, O ana’ ondatio, kamao o zoe’oo, kamao ty boke peleke toy, vaho
akia misaontsia añ’anjomba Israele. [2] Aa le sinokako ty vavako vaho nafantso’e ahy
i pelekey. [3] Le hoe re amako, O ana’ ondatio, ampihinano ty sarotro’o, vaho atsafo
an-tsarotro’o ao ty peleke atoloko azo toy. Aa le nihaneko; vaho nimamy hoe tantele
am-bavako ao*.

[4] Le hoe re amako, O ana’ ondatio, akia mimoaha añ’ anjomba’ Israele ao vaho
isaontsio o fivolakoo. [5] Tsy nahitrike am’ ondaty lale-drehake ndra saro-pisaontsio
rehe, fa mb’amy anjomba’ Israeley; [6] tsy amo kilakila’ ondaty aman-dañonañe
miheotseo, ndra amam-pivola-aliheñe tsy haharendreha’o ty saontsi’e. Aa naho
nampihitrifeko amy zay, toe ho nañaoñe azo iereo. [7] Fe tsy te hijanjiñ’ azo i
anjomba’ Israeley; amy t’ie tsy te hijanjiñ’ ahy; songa mamporohotse naho gan-
troke ty anjomba’ Israele. [8] Ingo te nampiontsoñontsoñeko ty lahara’o hatreatrè’o ty
lahara’ iareo, naho nanoeko gañe ty fatram-bei’o hiatreatrea’e ty panda’ iareo. [9] Mira
ami’ty hamafen-tsafira† te amo vato-pilakeo ty nanoeko ty fatram-bei’o; ko lonjetse
amo fangarefa’ iareoo, ndra t’ie akiba-piola. [10] Nitovoña’e ty hoe, Rambeso añ’arofo’o
ao naho janjiño an-dravembia’o ze hene tsara ho taroñeko; [11] akia mimoaha añivo’
o mpirohio naho saontsio vaho talilio, Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè—ke hijanjiñe iereo,
he tsy hañaoñe.

[12] Aa le rinambe’ i Tiokey mañambone raho vaho tsinanoko am-bohoko ao ty feon-
tsorotombahañe: Rengèñe ty enge’ IEHOVÀ an-toe’e eo; [13] naho ty feom-pifañoza’

---

* **2:10** Apo 5:1 * **3:3** Sab 19:10, 119:103, Apo 10: 9-10 † **3:9** toe diamondra

o ela’ i raha veloñe reio naho ty feo’ o larò rekets’ am’ iareoo, vaho ty fipoñafan-
kotroke ra’elahy. 14 Le nongahe’ i Tiokey naho nasese’e mb’eo, vaho nandeha amañ-
embetse, aman-troke mitsovovoke; fa naozatse tamako ty fità’ IEHOVÀ. 15 Le nivotrak’
amo mpirohy mpimoneñe e Telavive‡ao raho, añ’olo i saka Kebarey eo, naho nitoboke
am-piambesara’ iareo, vaho nidok’ eo an-kalonjeran-troke fito andro.
16 Aa naho nimodo ty fito andro, le niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty
hoe: 17 O ana’ondatio, fa tinendreko ho mpijilojilo amy anjomba’ Israeley, aa
ie mijanjin-tsara boak’ am-bavako ao, le hatahatao ty amako iereo. 18 Aa naho
anoeko ty hoe ty lo-tsereke§: Toe hihomake rehe, f’ie tsy hatahatae’o tsy talilie’o,
tsy amantopantohe’o i tsereheñey hienga o sata’e ratio, handrombak’ aiñe, aa le
hikenkañe amo hakeo’eo indaty lo-tserekey, fe ho paiako am-pità’o ty lio’e. 19 Aa
naho hatahatae’o ka i lo-tserekey, naho tsy ambolitio’e i sata’e ratiy ndra itsilea’e
i fañaveloa’e ratiy, le hikenkañe amo tahi’eo re, fe naharombak’ ain-drehe. 20 Ie
ka, naho mifotetse amy hamarentane’ey t’ indaty vantañe vaho mandilatse, naho
ampipoheko fampitsikapiañe aolo’e eo, le hikenkan-dre; aa kanao tsy hinatahata’o,
le hikenkañe amo hakeo’eo ie tsy ho tiahy ka o sata soa nanoe’eo, fa ho paiako am-
pità’o ty lio’e. 21 Aa naho hatahatae’o ka i vañoñey tsy handilatse vaho tsy manao
tahin-dre, le toe ho velon-dre, amy te nihaoñe’e i nahatahata’oy; vaho naharombak’
ain-drehe.
22 Tamako ty fità’ IEHOVÀ; le hoe re tamako, Akia mb’amy montoñey añe vaho ho
volañeko. 23 Aa le niongake raho nimb’ amy montoñey mb’eo; ingo nijohañe eo
ty enge’ IEHOVÀ, hambañe amy enge nirendreko añ’olon-tsaka Kebare añey; vaho
nibabok’ an-daharako. 24 Le nizilik’ amako i Arofoy, naho natroa’e an-tomboko
eo; vaho nitsara amako, nanao ty hoe, Akia, misikadàña an-kivoho’o ao, 25 le ihe
ana’ondaty, oniño te hapok’ ama’o ty taly vaho hamahotse azo iereo tsy mone
hiavotse mb’ am’ondatio; 26 le hampipiteheko an-dañilañi’o eo ty famele’o, le ho
moan-drehe tsy hahaendake ondatio; amy te anjomba miola iereo. 27 Fe naho
hivolañe ama’o raho le ho sokafeko ty falie’o vaho hanoa’o ty hoe: Hoe t’IEHOVÀ Talè;
aa ze mete hijanjiñe, angao hijanjiñe; le ze mifoneñe tsy hijanjiñe, apoho hifoneñe;
amy t’ie anjomba miola.

# 4

1 Ihe ka, ana’ ondatio, angalao birike vaho apoho aolo’o eo vaho sokiro ama’e ty
saren-drova, toe Ierosalaime; 2 le ampiarikoboño mpialy, andranjio kijolim-pikalañe,
vaho amotrio tamboho hahàlañe aze; itseneo tobe hiatrek’ aze, vaho bodem-pidosy
añariariañe. 3 Angalao endraendra ka le ajadoño ho kijoly viñe añivo’o naho i rovay
eo; atoliho ama’e ty lahara’o ho fañarikatohañe, le ihe ty hanarokohok’ aze ho viloñe
amy anjomba’ Israeley.
4 Ie amy zao, mihoriràña ankavia, hibabe o hakeo’ i anjomba’ Israeleio; mira
amo andro andrea’o ama’eo, ty hibabea’o o tahi’eo. 5 Fa tinendreko ho mira amo
taom-pandilara’ iareoo ty ia’ ty andro ama’o; aa le telon-jato-tsi-sivam-polo andro
ty hivavea’o ty hakeo’ i anjomba’ Israeley. 6 Ie nihenefa’o zay vaho hihoriraña’o
ankavana hivavea’o o tahi’ i anjomba’ Iehodàio; efa polo andro; andro raik’ ami’ty
taoñe raike, ty tinendreko ho azo. 7 Hampitolihe’o mb’amy fanameañe Ierosalaimey
ty lahara’o, tsy ho aman-tsaroñe ty sira’o, vaho hitokia’o. 8 Ingo fa hapetako
ama’o ty rohy, tsy hivariña’o mb’ ami’ty ila’e, ampara’ te nihenefa’o ty androm-
pañarikatoha’o. 9 Mindesa vare-bolè, vare hordea, mahalay, ampemba, le kosemete*
naho ajoño am-balàñe, vaho anokono mofo; fa mira amo andro ihoriraña’o añ’ila’oo,

‡ 3:15 Telavive: tamboho kobokara; ndra amam-boa manta ndra voto-tsako § 3:18 Iek 18:20-32, 33:8-20
* 4:9 Kosemete: karaza’ ty vare-bolè abo

i telon-jato-tsy-sivam-polo rey, ty hikamà'o. 10 Ty mahakama ho kamae'o le ho aman-
danja, roapolo sekele† ami' ty andro raike; hikama'o erike. 11 Rano ka ty ho kamae'o
ami'ty fañarana'e, ty am-paha-ene' ty hine‡, hikama'o erike. 12 Aa le ho kamae'o hoe
mofom-bare-hordea, vaho hatoko'o am-piamonto' ondaty añatrefa' iereo eo. 13 Le
hoe t'IEHOVÀ, Hanahake zay ka ty hikama' o ana' Israeleo aman-deotse ty mofo iareo,
amo kilakila' ndaty handroahako iareoo.

14 Le hoe raho, Ehe ry IEHOVÀ Talè! Toe mbe tsy nileoreñe ty fiaiko; fa boak' ami'ty
naha' ajaja ahy am-para' te henane, mboe tsy nihinanako o raha nimate avaoo, ndra
o nirimitem-bibio; mbore tsy nimoak' am-bavako ao ty hena faly. 15 Aa le hoe re
amako, Ingo, arè, fa tinoloko taik'ombe hasolo ty fiamonto' ondaty, le atokono ama'e
ty mofo'o. 16 Natovo'e ty hoe: O ana'ondatio, toe ho pozaheko ty boda-mofo e Ierosa-
laime ao, le ho kamae' iareo ty mofo an-danja am-pivazobazotse; naho ho kamae'
iareo an-kapoake ty rano, an-kalonjerañe; 17 amy t'ie tsy ho ene-mofo naho rano,
naho hifampitalahatse aman-tofotse vaho hinike ty amo hakeo'iareoo.

# 5

1 Ihe ka, ry ana' ondatio, mandrambesa fibara masioñe, le an-tsatan-drezom-
piharatse ty ampañoza'o aze ami'ty añambone'o naho an-tanteahe'o; angalao
balantsy handanjañe aze, vaho zarao i maroiy. 2 Ty faha-telo'e ty horoa'o amañ'
afo añivo' i rovay amy androm-pigadoña' i fanameañeiy; rambeso ty faha-telo'e ka
le tseratseraho mb'eo mb'eo amy fibaray; le ty faha-telo'e ty hampiboelea'o amy
tiokey, fa hitarihako meso-lava hañoridañe iareo. 3 Angalao tsy ampeampe ama'e
ka le feheo andifin-tsiki'o ao. 4 Angalao indraike, vaho afetsaho amy afoy ao, ho
forototoe' i afoy; fa boak' ao ty afo hamorototo ze fonga anjomba' Israele. 5 Hoe
t'i Talè IEHOVÀ: Itoy t'Ierosalaime! fa navotrako anteñateña' o kilakila ondatio ao,
naho fifeheañe maro ty mañohok' aze. 6 F'ie niola amo hene fepèkoo ami'ty nanoa'e
halò-tsereke mandikoatse o kilakila'ndaty mañohok' azeo; fa tsy nañaoñ' o fepèkoo
naho o fañèkoo iereo vaho tsy nañaveloa' iareo. 7 Aa le hoe t'IEHOVÀ Talè: Amy
te nilosore'o fidabadoàñe o fifeheañe mañohok' azoo, amy t'ie tsy nañavelo amo
fepèkoo naho tsy nitambozotse o fañèkoo, mbore tsy nañorike o fañèm-pifelehañe
miarikatok' azoo; 8 le hoe t'IEHOVÀ Talè: Oniño te Zaho, toe Zaho, ty miatreatre azo,
naho hametsake zaka añivo'o ao añatrefa' o kilakila'ndatio. 9 Le hanoeko ama'o ao ty
mbemboe tsy nanoeko, vaho tsy hindraiko hanoeñe ka, ty amo halotsere' areo iabio.
10 Aa le ho hane' o rae'eo añivo'o ao o ana'eo naho ho hane' o ana-dahi'eo o roae'eo;
fa hametsahako zaka, vaho haboeleko amo tiokeo ze sehanga' areo. 11 Aa kanao
velon-dRaho, hoe t'IEHOVÀ Talè: amy te nileore'o amo raha'o mampangorio i toeko
miavakey, le hisitahako ka; le tsy hanisà' ty masoko, mbore tsy ho ferenaiñako. 12 Ty
fahatelo'o ro havetra' ty angorosy naho habotse' ty hasalikoañe añivo'o ao; naho
hampikorovohem-pibara añariary azo ty faha-telo'o, naho haboeleko amy ze hene
tioke ty fahatelo, vaho ho tariheko fibara ty voho' iareo.

13 Zay ty himodoa' ty habosehako naho ty hañenefako am' iereo ty fiforoforoako,
vaho hanintsin-dRaho; le ho rendre' iareo te Zaho IEHOVÀ ty nitsara an-joton-troke,
ie fa nondrohako am' iereo i fileveleveakoy. 14 Tovo'e, hanoeko halatsañe naho
titse, añivo' o kilakila' ondaty mañohok' azoo, am-pahaoniña' ze mandrioñ' azo
iaby. 15 Aa le ho fañinjeañe naho fandrabioñan-drehe, ho fampandrendrehañe naho
halatsañe amo kilakila'ndaty miarikoboñe azoo, ie ondrohako zaka an-kaboseke
naho am-poroforo vaho añ' endake mikeloke; Inao! te Zaho IEHOVÀ ty nitsara.
16 Ie hahitriko am' iereo o ana-palen-kasalikoañe mahafate mampandrotsakeo, ze

† 4:10 Sekele: kapoake raike naho vaki'e {vare) ‡ 4:11 Hine: 4 litatse: 1/6 hine = 2/3 litatse

hiraheko handrotsake, le hindraeko ama’ areo ty hasalikoañe, naho ho pozaheko
ty boko-mofo’ areo, 17 naho hampisangitrifako ty mosare naho ty biby hako; le ho
rangae’ ty angorosy naho ty lio hampandala azo, vaho hendeseko ama’o ty fibara.
Zaho, IEHOVÀ ty nitsara.

# 6

1 Le niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana’ ondatio, ampitoliho amo
vohi’ Israeleo ty tarehe’o naho itokio, 3 ami’ty hoe: Ry vohi’ Israeleo, tsanoño ty tsara’
IEHOVÀ Talè: Hoe t’IEHOVÀ Talè amo vohitseo naho o haboañeo, o torahañeo naho
o vava-taneo; Inao! Zaho, toe Zaho, ty hinday fibara ama’ areo vaho harotsako o
toets’abo areoo. 4 Hangoakoake o kitreli’ areoo, naho ho foy o fañemboha’ areoo,
vaho havokovokoko ambane eo o zinamañeo añatrefa’ o samposampo’ areoo. 5 Le
ho rohoteko aolo’ o samposampo’eo ty lolo’ o ana’ Israeleo; vaho hampivarakaiheko
añ’ariari’ o kitreli’ areoo o taola’ areoo. 6 Ho fonga koromaheñe o rova an-toe-
pimoneña’ areoo, naho songa ho koaheñe o haboañeo; soa te ho voravoraeñe naho
farieñe o kitreli’ areoo, naho ho hene pozaheñe o samposampo’ areoo le hijihetse,
naho sindre ho firaeñe ze fañemboha’ areo vaho ho faopaoheñe iaby o fitoloña’
areoo. 7 Hikorovok’ am-po’o ao o binaibaio, haharendreha’ areo te Zaho IEHOVÀ.
8 Fe hampipohako ty sehanga’e, soa te hadoñe ho anahareo ze nahapoliotse amy
fibaray amo fifeheañeo,. *, ie avarakaheñe amo taneo. 9 Le hahatiahy ahy o
nahafipoliotse mb’amo kilakila’ ndatioo, amy naneseañe iereo mb’ am-pandrohizañe
añey, amy te nahafikoretse ahy ty hakarapiloan’ arofo’ iareo, ie nieng’ ahy, naho ty
fihaino’ iareo mañarapilo mb’amo samposampoo; le nampalaim-bintañe ahy am’
iereo ze haratiañe nanoeñe amo halòtsere’ iareo iabio. 10 Le ho fohi’ iareo te Zaho
IEHOVÀ; te tsy ami’ty tsy vente’e ty nivolañako te hanoeko o hankàñe zao.
11 Aa hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Mamofoha fitàñe, mandialia am-pandia’o, le ano ty
hoe: Hoy abey! o halò-tsere’ i anjomba’ Israeleo, ie hampikorovohe’ ty fibara naho
ty hasalikoañe vaho ty angorosy. 12 Hampivetrahe’ ty angorosy o lavitseo naho ho
koromahem-pibara o marineo; le hampihomahe’ ty mosare o honka’e arikoboñeñeo;
zay ty hampanintsiñe ty fiforoforoako. 13 Le ho fohi’ areo te Zaho IEHOVÀ, ie
mifitafita am-poto’ o samposampo’eo ondati’ iareo zinamañeo, ambone’ ze hene
tamboho eo, an-dengo’ ze vohitse iaby, naho ambane’ ze hatae mandrevake vaho
ambane’ ze kile mangonkòñe—o toetse nibanabanae’ iareo emboke marifondrifoñe
amo samposampo’eoo. 14 Le hatorakitsiko am’iereo ty sirako, hanoeko hoake i taney,
mandikoatse i fatram-bey mb’e Diblày añey†, amy ze hene fitobea” iareo; vaho ho
fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ.

# 7

1 Niheo amako indraike ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 Inao koahe, ana’ ondatio,
hoe t’IEHOVÀ Talè, amy tane’ Israeley: Ty figadoñañe! fa tondrok’ an-kotso’ efats’
i taney i fanamperañey. 3 Toe tondroke ama’o ty figadoñañe, le hahitriko ama’o ty
habosehako vaho hondrohako ama’o ze hene sata’o. 4 Tsy hihevea’ o masokoo naho
tsy hitretrezako; fa havahako ama’o o sata’oo ie ho añivo’o eo o hativa’oo; le ho fohi’
areo te Zaho IEHOVÀ.
5 Hoe t’IEHOVÀ Talè, Hekoheko! toe fa tondroke ty hankàñe. 6 Toe avy ty
figadoñañe, pok’eo ty fanamperañe; ihe ty nitsekafa’e, inao t’ie tendreke. 7 Mihitrik’
azo ty maraindraiñe, ry mpimoneñe amy taney; tondroke ty famantañañe, mitotoke
ty andro, i andron-kankàñey fa tsy ho fifanointoin-kafaleañe amo vohitseo. 8 Fa ho
kofoheko ama’o aniany ty fiforoforoako naho ho riteko ama’o ty habosehako; ho

* 6:8 Sor 26:38-40 † 6:14 Diblà: mofo vonga’e

zakaeko amo sata’oo vaho haoboko ama’o ze fonga hativà’o. 9 Tsy hiheve o masokoo
naho tsy hiferenaiñako; hondrohako o sata’oo ie añivo’o ao o hativà’oo; vaho ho
fohi’areo te Zaho IEHOVÀ ty mandafa.
10 Hehe ty andro, ingo fa totsake; tsatoke ty toly; mamoñe ty boda, mibotiboty ty
firengevohañe. 11 Fa nitroatse ho kobain-karatiañe ty hasiahañe; tsy ho sisaeñe, tsy
eo i maroy, ndra vara, ndra hanaña ndra inoñ’ aman’ engeñe. 12 Fa tsatoke ty sa, an-
titotse ty andro; ko apo’o hirebeke ty mpikalo, ndra hirovetse ty mpandetake; fa fonga
hidoñen-kaviñerañe i valobohò’ey. 13 Tsy himpoly amy naleta’ey ty mandetake ndra
te sambe veloñe; fa ho a’ i màroy i aroñaroñey, vaho tsy himpoly; tsy hampifatrarem-
bata’e ty halò-tserem-piai’ey.
14 Fa napopò’iareo i antsivay, fonga veka’e, fe leo raike tsy mionjo mb’an-
kotakotak’ añe, fa amy valobohò’ey iaby ty habosehako. 15 Alafe’e ao ty fibara,
am-po’e ao ty angorosy naho ty mosare; hampivetrahe’ ty fibara i ankivokey vaho
habotse’ ty hasalikoañe naho ty kiria ty an-drova ao. 16 Ze mivoratsak’ ama’e ty
hipetake amo vohitseo hoe dehom-bavatane, fonga hangoihoy amo hamengoha’eo.
17 Sindre mavozo o fitañeo, songa maleme hoe rano o ongotseo. 18 Hisikin-gony,
naho hisarom-pitititititihañe; amo laharañe iabio ty hasalarañe, vaho amy ze hene
añambone ty hakovohañe. 19 Haretsa’ iareo an-damoke eo o volafoti’eo naho hoe
raha maleotse o volamena’eo; tsy maharombake amy andron-kaviñera’ IEHOVÀy ty
volafoty naho volamena’ iareo; tsy mahaeneñe ty fiai’ iareo irezay, tsy mahaatsake o
sarotro’eo, fa nampitsikapian-kakeo. 20 Kanao nafote’ iereo ho firengevohañe ty enge’
i harea’ey vaho nanoe’ iereo sare’ o hativa’ iareoo naho o raha mampangoriñeo; f’ie
nanoeko tiva am’ iereo, 21 naho hatoloko ho tsindroke am-pitàn’ ambahiny naho amo
tsivoatsolo’ ty tane toy ho fikopahañe; naho ho tivae’ iereo 22 vaho hiambohoeko ty
tareheko, le ho tivà’ iareo i toeko miavakey, ie hifoaha’ ty malaso haniva aze.
23 Aa le amboaro silisily, amy te tsitsike hakeo naho lifo-dio i taney vaho atse-
doa-tiñake i rovay. 24 Ie amy zao, hindeseko mb’ etoa ty lombolombon-kabibim-
pifeheañe hitavàna’e ty anjomba’ iareo; naho hajiheko ty fibohaboha’ o maozatseo;
vaho ho leoreñe o toe’ iareo miavakeo. 25 Pok’eo ty hankàñe; hipay fanintsiñañe
iereo, fa tsy ho eo. 26 Hekoheko hatovon-kankàñe, naho talily vaho taroñe; ie hipay
aroñaroñe ami’ty mpitoky, fa nilesa amo mpisoroñeo ty Hàke vaho amo androanavio
ty vere. 27 Ampangolololoiho i mpanjakay, ampisikino halonjerañe i ana-donakey naho
ampineveneverеñe ty fità’ondati’ i taneio; hanoeko hambañe amo sata’eo, naho ho
zakaeko mira ami’ty fañeva’e; vaho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ.

# 8

1 Ie tamy andro faha-lime’ i volam-pahaene’ i taom-pahaeneñey, zaho nitobok’ an-
kibohoko ao, naho niambesatse aoloko eo o roandria’ Iehodào, te niheo amako ty fità’
IEHOVÀ Talè. 2 Aa le naheoko ty manahake vinta’ ondaty, naho hoe afo ty ambane’
o toha’eo, vaho hoe fireandrean-torisìke vinañe ty ambone’ o toha’eo. 3 Nahiti’e
amako ty nanahake fitàñe naho rinambe’e raho ami’ty orim-bòloko; naho naonjo’
i Tiokey añivo’ ty tane toy naho i likerañey vaho nendese’e añ’ aroñaron’ Añahare
mb’e Ierosalaime mb’amy fimoahañe an-kiririsa añate’e miatrek’ avaratsey mb’eo,
amy fitoboha’ i sarem-pamarahiañe manigìke farahieñeiy, 4 le ingo te tao ty engen’
Añahare’ Israele, manahake i aroñaroñe nitreako a montoñe añey.
5 Le hoe re tamako, O ana’ ondatio, ampiandrao mañavaratse o fihaino’oo. Aa le
niandra nañavaratse raho, le inge, avara’ i fimoaham-ban-kitreliy, an-tsarirañe eo i
sarem-pamarahiañey. 6 Le hoe re tamako, O ana’ ondatio, isa’o hao o anoe’ iereoo?
o hativañe jabajaba anoe’ i anjomba’ Israele atoa handroahañ’ ahy lavitse i toeko
miavakeio? F’ie hahaisake hativañe lombolombo izay.

7 Aa le nendese’e mb’an-dala’ i kiririsay; ie nenteako, le ingo ty hirike amy
rindriñey. 8 Le hoe re amako, O ana’ ondatio, halio o rindriñeo; aa ie nihalieko
i rindriñey, hehe ty lalañe. 9 Le hoe re amako, Miheova, hahaisake ty haleoran-
kativañe* anoe’ iareo am-po’e ao. 10 Aa le nimoahako vaho nahatrea, te ingo nanitsike
i rindriñey ty sare-sokitse ze karazan-draha milaly naho biby mampangorìñe naho
ze fonga samposampo’ i anjomba’ Israeley, 11 le nijohañe añatrefa’ irezay eo ty
androanavy fitompolo’ i anjomba’ Israeley, naho añivo’ iereo eo ty nijohaña’ Iaazanià
ana’ i Safane, songa fitàñe amam-pañembohañe vaho nionjoñe mañambone ty
rahon-katoen-emboke nilodolodo. 12 Le hoe re tamako, O ana’ondatio, isa’o hao o
anoe’ o androanavin’ anjomba’ Israeleo añ’ieñeo, songa ondaty an-dakaton-tsare
ao? fa hoe iereo, Tsy mahavazoho an-tika t’Iehovà; fa naforintse’ Iehovà ty tane
toy. 13 Natovo’e ty hoe amako: Mitoliha indraike, hahaoniñe t’ie manao hativañe
mandako zay.
14 Nente’e amy zao raho mb’ amy fimoahañe an-tsariran’ anjomba’ Iehovà mitolik’
avaratsey mb’eo, le hehe ty rakemba maro miambesatse eo mirovetse amy Tamoze†.
15 Le hoe re amako, O ana’ ondatio, oni’o hao zao? aa le mitoliha indraike hahaoniñe
mandikoatse zay.
16 Aa le nendese’e mb’an-kiririsa añate’ i anjomba’ Iehovày, le hehe ty lahilahy
roapolo-lim’ amby varañe am-pimoahañe an-kivoho’ Iehovà eo, añivo’ ty lapalapa
naho ty kitrely, miamboho i kivoho’ Iehovà, mitolik’ atiñanañe ty lahara’ iareo,
mijoro amy masoàndroy. 17 Le hoe re amako, Mahaoniñe v’iheo, ana’ ondatio? Raha
maivañe amy anjomba’ Iehodày hao ty anoe’ iereo o hativañe anoe’ iereo atoañeo?
te tsitsife’ iereo fikatramoañe ty tane mbore mibalike hanigìke ty habosehako, ie
mitoho-tseva añ’oro’e eo. 18 Aa le Zaho ka ty hanolotse leveleve; le tsy hiheve ty
masoko, vaho tsy hiferenaiñako, le ndra t’ie mipoña-toreo an-tsofiko ao, tsy hanoin-
dRaho.

# 9

1 Aa le napaza’e am-piarañanañañe an-tsofiko ao ty hoe, Ampombao mb’etoy o
mpifehe’ ty rova toio, songa minday fialiañe mpijoy am-pità’e. 2 Le ingo te nimb’
etoy ty lahilahy eneñe boak’ amy lalambey ambone mitolike mañavaratsey, songa
indaty ninday fialiam-panjamanañe am-pità’e, ty raike nisikin-damba leny reketse
tsifan-drano-mainte añ’ila’e eo; aa le nimoak’ ao iereo nijohañe marine’ i kitrely
torisìkey eo. 3 Le nionjoñe boak’ an-toe’e ambone’ o kerobeo ty engen’ Añahare’
Israele naho nivotrak’ an-tsarirañe eo vaho kinoi’e indaty misaroñe lamba-leny
minday tsifan-drano-mainte añ’ ila’eoy; 4 le hoe t’Iehovà tama’e, Akia rangao i rovay,
maneñateñà Ierosalaime, vaho tomboho alama ze ondaty miselekaiñe naho mitoreo
ty amo hativañe anoeñe añivo’eo. 5 Le hoe re amo ila’eo, am-pitsanoñako, Akia oriho
re miranga amy rovay naho lafao; ko imetea’o hiheveam-pihaino, vaho ko mitretrè.
6 Zamano ty bey naho o ajalahio naho o somondrarao, o ajajao vaho o rakembao,
fe ko harineañe ze tinombok’ alama; mifotora an-toeko miavak’ eo. Aa le nafoto’
iareo am’ondatio, amo androanavy aolo’ i kivohoio. 7 Le hoe re am’ iereo, Leoro
i anjombay vaho atsafo an-dolo’ o zinamañeo i kiririsay; mionjona! Aa le nimb’eo
iereo nampibaibay amy rovay ao. 8 Ie amy zao, naho fa zinama’ iareo ondatio, zaho
avao ty eo, le nihotrak’ an-tareheko raho nipazake ty hoe, Hoke! ry Iehovà Talè!
ho fonga rotsahe’o hao ty sehanga’ Israele ami’ty fampidoaña’o am’ Ierosalaime o
haviñera’oo?
9 Aa hoe re amako, Losotse o hakeo’ anjomba’ Israele naho Iehodào, naho pitsa-dio
i taney vaho lipo-keloke i rovay, ie nanoe’ iereo ty hoe, Naforintse’ Iehovà ty tane toy,

* 8:9 Iek 6:4, Its 4:19, 17:3, Mp II 23:4-11, Fi II 14:5, Iob 31:29, Iir 19:13, 44:17, Fip 7:42 † 8:14 Tamoze: ‘ndrahare o nte-filistio; mietake; forototo

vaho tsy mahavazoho t'IEHOVÀ. 10 Aa naho zaho, tsy hiheve ty masoko, tsy hitretrè,
fa hondrohako am'iereo o sata' iareoo.
11 Hehek' amy zao indaty misaroñe lamba-leny reketse tsifan-drano-mainte
añ'ila'eoy, namolily ty hoe, Nanoeko i namantoha'o ahiy.

# 10

1 Nañente raho, le ingo, amy lañelañe ambone' ty añambone' o kerobeoy te niboak'
ambone' iareo ey ty raha hoe safira, nibentatse ho fiambesatse. 2 Le hoe re amy
misikin-damba leniy: Akia, añivo' o larò mininike ambane' o kerobeo naho atsafo
vaen' afo boak' añivo' o kerobeo ty fità'o roe vaho aparatsaho ambone' i rovay.
Aa le nimb'ao re, ampahatreavako. 3 Nijohañe ankavana' i kivohoy o kerobeo amy
nimoaha' indatiy, naho nahatsake i kiririsa añate'ey i rahoñey; 4 le nionjoñe boak'
amo kerobeo ty enge' IEHOVÀ nijohañe an-tsarira' i lalañey, naho nilifore' i rahoñey
i kivohoy, vaho nañatseke i kiririsay ty fireandrea' ty enge' IEHOVÀ. 5 Le jinanjiñe
an-kiririsa alafe'e ao ty fangotrohan' ela' o kerobeo manahake ty fiarañanañan'
Andriampañontroñe, t'ie mitsara. 6 Aa ie namantoke am'indaty misikin-deniy ami'ty
hoe: Andrambeso afo boak' añivo' o larò mininike añivo' o kerobeoo, le nimoak' ao re
nijohañe añivo' o larò mininikeo. 7 Ie amy zao, nahiti' ty kerobe ty fità'e boak' añivo'
o kerobeo mb' amy afo an-teñateña' o kerobeoy le nandrambesa'e naho natolo'e
am-pità' i nisikin-deniy, rinambe'e vaho niavotse. 8 Niloneak' amy zao, amo kerobeo
ambane' o ela'eo ty manahake te fità' ondaty.
9 Aa ie nañente raho, hehe ty larò efatse marine o kerobeo, songa larò raike i
kerobe rey, le hoe vaton-Tarsise ty volo' i larò rey. 10 Le ty vinta' iareo, hambañe
i efatse rey, manahake te añate' ty larò ty larò. 11 Ie nandeha le nionjomb'amy ze
joro-tane tea'e, tsy nivio t'ie nandeha, fa amy ze nitoliha' ty loha'e ty norihe' iereo
le tsy niviombio am-pandenañe. 12 Tsitsike fihaino ty sandri' iareo, o pa'eo, o fità'eo,
o ela'eo, naho o larò'eo, vaho añariari' i larò efatse rey. 13 Tsinanoko te nitokaveñe
ty hoe Larò-Mpininike i larò rey. 14 Songa aman-daharañe efatse: laharan-kerobe ty
valoha'e; lahara' ondaty ty faharoe; tarehen-diona ty fahatelo; vaho tarehem-bantio
ty fahefatse.
15 Niongake i kerobe rey. Ie i raha veloñe nitreako añ'olo' i saka Kebarey rey. 16 Aa
naho mañavelo i kerobe rey le mindre lia ama'e i larò rey; aa ie onjone' i kerobe rey
o ela'eo hiavotse i taney mb' añ' abo ey, le tsy mivike tsy ho rekets' ama'e i larò rey.
17 Ie mitsangañe, le mijohañe ka iretoañe; ie mionjoñe, le mañambone ka iretoa; fa
am' iareo ao ty arofo' o raha veloñeo.
18 Nienga i sariran-kivohoy amy zao ty enge' IEHOVÀ nijohañe ambone' i kerobe
rey. 19 Nonjone' i kerobe rey o ela'eo henane zay le nienga i taney am-pahatreavako
eo; ie niavotse le niaoloa' i laro rey, naho nijohañe am-pimoaha' i lalambey atiñana'
i anjomba' IEHOVÀy eoy; vaho ambone' iereo eo ty engen' Añahare' Israele.
20 Ie i raha veloñe nitreako ambanen' Andrianañahare' Israele añ' olon-tsaka
Kebare rey; le napotako t'ie kerobe. 21 Songa aman-daharañe efatse naho elats' efatse;
vaho hoe fità' ondaty ty ambane' ela'eo. 22 Le nihambañe amo laharañe nitreako añ'
olo-tsaka-Kebareo ty vintan-dahara' iareo, ty vinta' iareo naho ty fañova' iareo, songa
nionjoñe mahity mb'am-piatrefa'e.

# 11

1 Nonjone' i Tiokey raho vaho nente'e niakatse mb' an-dalambey atiñana' i
anjomba' IEHOVÀy miatreke maniñanañe; le ingo am-pimoahañe i lalambeiy t'indaty
roapolo-lim' amby; tama'e ao Iaazanià ana' i Azore* naho i Pelatià† ana' i Benaià‡,

---

* 11:1 Azore: mpañimba, ndra i olorañey † 11:1 Pelatià: ty fandrombaha' IEHOVÀ ‡ 11:1 Benaia: Ana'
IEHOVÀ

roandria’ ondatio. 2 Le hoe re amako, O ana’ ondatio, iretoañe o mpikitro-draha raty
naho mpanoro heve-kaloloañe ami’ty rova toio, 3 ie manao ty hoe: Tsy marine antika
ze o fandranjiañe anjomba zao; etoañe i valàñey, itika ro hena’e. 4 Aa le itokio,
mitokia ry ana’ondatio.
5 Nivotrak’amako amy zao i Arofo’ Iehovày nanao ty hoe, Isaontsio ty hoe: Hoe
t’Iehovà, Fa nanoa’ areo ty hoe ry anjomba’ Israele, amy te apotako o raha mizilik’
am-pitsakorea’ areoo. 6 Fa nampitomboe’ areo ty zinamañe an-drova atoy, vaho
nitsitsife’ areo lolo o lalañeo. 7 Aa le hoe ty nafè’ Iehovà Talè; O zinamañe nirohote’
areo an-damoko, ie ty nofo’e, le i rovay ty valàñe fe hakareko boak’ao nahareo.
8 Irevendreveña’ areo i fibaray, aa le ty fibara ty hampombàko mb’ama’ areo,
hoe t’Iehovà Talè. 9 Ie hakareko boak’ao le haseseko am-pitàn-ambahiny naho
hampijadoñeko zaka. 10 Hampikorovohe’ ty fibara, ho zakaeko añ’ olo’ Israele añe,
hahafohina’ areo te Zaho Iehovà. 11 Tsy ho valàñe’ areo ty rova toy, vaho tsy inahareo
ty ho nofo’e am-po’e ao, fa tsy mete tsy zakaeko añ’ olon-tane’ Israele añe, 12 vaho
hapota’ areo te Zaho Iehovà; ie tsy nañavelo amo fañèkoo, naho tsy nañorike o
zakakoo, fa o fepèm-pifeheañe mañohokeo§ ty orihe’ areo.
13 Ie nitoky raho le nihomake t’i Pelatià ana’ i Benaià. Aa le nitoke an-tareheko,
nipazake ty hoe: Hete! ry Iehovà Talè! hagadoñe hao ty sehanga’Israele?
14 Le niheo amako ty tsara’ Iehovà nanao ty hoe, 15 O ana’ ondatio, toe o longo’oo,
eka o roahalahi’oo, o lahilahim-pifokoa’oo, vaho ze hene anjomba’ Israele, ro nanoa’
o mpimone’ Ierosalaimeo ty hoe, Ihankaño t’Iehovà; fa natolots’ anay ty tane toy
ho fanaña’ay. 16 Aa le ano ty hoe: Hoe ty nafè’ Iehovà Talè, Ndra te nahifiko
tsietoitane añe iereo, añivo’ o kilakila ondatio ao, naho naparaitako amo fifeheañeo,
mbe ho fitsoloha’ iareo kede an-tane homba’ iereo raho. 17 Aa le ano ty hoe, Hoe
t’Iehovà Talè, hatontoko am’ondatio nahareo, naho havoriko boak’ amo fifeheañe
nampiparaitsahañe anahareoo, vaho hitolorako ty tane’ Israele. 18 Le homb’eo iereo,
fonga hañondroke o haleora’eo naho o hativa’e ama’eo. 19 Le ho tolorako arofo raike
naho haziliko ama’ areo ty arofo vao; naho hakareko amo nofo’ iareoo ty troke gañe
vaho ho tolorako arofo nofotse; 20 hañaveloa’ iareo amo fañèkoo naho hambena’
iareo o fepèkoo, hañeneke irezay; le h’ondatiko iereo vaho ho Andrianañahare’
iareo raho. 21 Fe ty amo mpañorike ty fisalalan’ arofo’e mpilelalela o haleora’eo
naho o hativa’eoo, le hondroheko an-doha’ iareo ty sata’iareo, hoe t’Iehovà Talè.
22 Ie amy zao, nonjone’ i kerobe rey o ela’eo naho o larò mpirekets’ ama’eo; vaho
ambone’ iareo eo ty engen’ Andrianañahare’ Israele, 23 le nionjoñe boak’ añivo’ i
rovay ty enge’ Iehovà, nijohañe ankaboa’ i vohitse atiñana’ i rovay eñey. 24 Modo
zay le nongahe’ i Tiokey raho vaho nendeseñ’ añ’ aroñaroñe amy Tion’ Añaharey
mb’an-tane o nte-Kasdio mb’amo mpirohio mb’eo. Aa le niakatse amako nañambone
mb’eo i aroñaroñe nitreakoy. 25 Ie amy zay nataliliko amo mpirohio iaby o tsara
naboa’ Iehovà amakoo.

# 12

1 Nimb’ amako indraike ty tsara’ Iehovà nanao ty hoe: 2 O ana’ondatio, mimoneñe
añivo’ i anjomba miolay n’iheo, amo amam-pihaino tsy mahaisakeo, o aman-
dravembia tsy mahajanjiñeo, amy t’ie anjomba miola. 3 Ie amy zao ry ana’ ondatio,
hentseño raha ho vave’o antoandro ampahaisaha’ iareo vaho mivevea boak’ an-
kivoho’o mb’an-kibohotse ila’e mb’eo ampaharendreha’ iareo; f’ie tsy hahaoniñe
kanao anjomba mpiola. 4 Aa le akaro atoandro o kilanka’oo ampahaisaha’ iareo, hoe
enta-piseseañe; le hionjom-beo rehe naho hariva am-pahaisaha’ iareo, manahake o
misese mb’eo tsy himpolio. 5 Mihalia amy rindri’oy am-pahaisaha’ iareo, vaho ivaveo

§ **11:12** Iir 10:

t'ie miakatse. 6 Le am-pahaisaha' iareo ty itarazoa'o mb'eo am-palipalitsieñe; ho
kolopofa'o ty lahara'o tsy hahaisake tane, fa nanoeko viloñe amy anjomba' Israeley
rehe.
7 Aa le nanoeko i nandiliañ' ahikoy: nakareko o kilankakoo naho handro, entañe
mañeva faneseañe, le ie hariva, hinaliko an-tañako i rindriñey le nakareko amy
harivay vaho tinarazoko an-tsoroko am-pahaisaha' iareo.
8 Ie maraindray niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe, 9 O ana' ondatio,
tsy fa nañontane azo hao i anjomba' Israeley, i anjomba miolay, ty hoe: Ino o
anoe'oo? 10 Isaontsio ty hoe, Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè, I hafatsey, le ho amy roandria'
Ierosalaimey naho i anjomba' Israele iaby añivo iereo ao. 11 Ano ty hoe, viloñe
ama'areo raho, hambañe amy nanoekoy ty hampanoeñe iareo. Hiakatse iereo vaho
hisese mb'am-pandrohizañe añe. 12 Ho tarazoe' i roandria añivo' iareoy te maiem-
potots-azo ty enta'e an-tsoro'e eo, vaho hiavotse; ho halie' iareo i kijoliy hañakatse
irezay; ho takona'e ty lahara'e tsy ho isam-pihaino'e i taney. 13 Fe halafiko ama'e
ty haratoko, naho ho tsepaheñe amy fandrikoy, vaho haseseko mb'e Bavele mb'eo,
mb'an-tane' o nte-Kasdio; fe tsy ho isa'e amy t'ie ho vilasy añe*. 14 Le songa haboeleko
mb'amo tiokeo o miarikoboñe azeo, o mpañolotse azeo naho ze hene firimboña'e;
vaho ho tariheko am' iereo ty fibarako. 15 Le ho fohi' iareo te Zaho IEHOVÀ, ie
aparatsiako añivo' o kilakila' ndatio añe vaho hampivarakaiheko amo taneo. 16 Fe
hanisàko tsy ho amy fibaray naho amy hasalikoañey naho amy angorosiy t'indaty
tsiampe; soa ho talilie' iereo amo kilakila' ndaty handenà' iareo añeo ty halò-tsere'
iareo; le ho fohi' iareo te Zaho IEHOVÀ.
17 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 18 O ana' ondatio,
mihondrahondrà te mikama o mahakama'oo, vaho minoma an-tititike naho an-
donjetse; 19 le ano ty hoe am' ondati' i taneio, Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè ty amo
mpimone' Ierosalaime naho an-tane' Israeleo. Ho kamae' iareo an-kalonjerañe
ty mofo' iareo vaho ho nome' iereo am-pirevendreveñañe ty rano' iareo, amy
te ho koaheñe amy taney ze hene ama'e ty amy haloloa' o mpimoneñe ama'eo.
20 Hampangoakoaheñe ka o rova amam-pimòneñeo, naho ho ratraratra i taney; vaho
ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ.
21 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe; 22 O ana' ondatio, Ino ze o oha-
dreha' areo an-tane Israele ao manao ty hoe, Nihalavaeñe o androo, vaho sindre
milesa ze atao aroñaroñe? 23 Aa le ano ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Hajiheko
o razan-drehake zao, vaho tsy ho toñone' iereo an-tane Israele ao ka, fa ano ty hoe:
Fa mitotoke ty andro naho ty hañenefañe ze hene aroñaroñe. 24 Le tsy eo ka ty
aroñaroñe vìlañe ndra fañandroam-pikabeak' añ'anjomba' Israele ao. 25 Amy te
Zaho IEHOVÀ, Hivolan-dRaho le hifetsake i tsara ho volañekoy; tsy ho tambatse ka, fa
amo andro'oo ry anjomba miolao, ie taroñeko ty tsara le hanoeko, hoe t'IEHOVÀ Talè.
26 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 27 O ana' ondatio, Inao ty
asa' i anjomba' Israeley manao ty hoe: Mboe haehae añe i aroñaroñe oni'ey, toe
amy ze añe zay o andro itokia'eo. 28 Aa le ano ty hoe, Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Tsy
amo entako henane zao ty ahànkañe, fa tsy mete tsy heneføñe o tsara nanoekoo, hoe
t'IEHOVÀ Talè.

# 13

1 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe; 2 O ana' ondatio, Mitokia amo
mpitoki' Israele mitokio, le ano ty hoe o mitoky boak' an-tro'e ao avaoo, Mijanjiña
ty tsara' IEHOVÀ; 3 Hoe t'IEHOVÀ Talè, Feh'ohatse amo mpitoky dereñe mañorike
ty tro'e avao ie tsy mahatrea raha! 4 Ry Israele, Hoe fanalok' an-tanan-taolo eo o

* 12:13 Iir 34:6-7, 52:11, Mp II 25:7

mpitoki’ areoo. 5 Tsy niañambone mb’amo heba’e ao nahareo; tsy nandranjia’ areo
ty fahetse hahafitroara’ i anjomba’ Israeley an-kotakotake amy andro’ IEHOVÀy. 6 Raha
tsy vente’e naho fisikiliañe vìlañe ty niisa’ iereo, ie manao ty hoe: Hoe t’IEHOVÀ; ie
tsy nirahe’ IEHOVÀ, fe liñisa’ iareo ho venteñe i entañey. 7 Tsy aroñarom-bìlañe hao
ty niisa’ areo, tsy fisikilian-dremborake hao ty nijoroa’ areo? ie manao ty hoe, Hoe
t’IEHOVÀ.—Izaho tsy nivolañe.

8 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè; Kanao nisaontsy hakoahañe nahareo naho
nahaisake vande; le atreatreko hoe t’IEHOVÀ Talè. 9 Le hatreatre’ ty tañako o mpitoky
mpandrendre-draha kafoake naho misikily vandeo, tsy ho mpiamo fivori’ ondatikoo,
mbore tsy ho sokirañe amy fanokira’ i anjomba’ Israeley naho tsy himoaha’ iareo
ka ty an-tane’ Israele, hahafohina’ areo te Zaho IEHOVÀ Talè. 10 Amy te sinigì’ iareo
ondatikoo ami’ty hoe: Fanintsiñañe; ie tsy eo ty fanintsiñañe; eo ty mandrafitse
rindriñe naho ipakora’e sokay. 11 Ano ty hoe amo mampipakotse aze antsokaio te
hihotrake zay; ho avy ty orañe handopatse, naho ihe ry havandra ro hagnitrike
ami’ty hagadaboñe, hampihotrak’ aze vaho tio-baratse ty handriatse aze. 12 Aa
ie mideboñe i rindriñey tsy hañontaneañe ty hoe hao, Aia i fotake napako’ areo
ama’ey? 13 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè, Toe hampandriateko tio-bey am-pifomboko
naho an-kabosehako, añ’oram-pandopatse vaho havandra gadaboñe, hamotsek’ aze
ampiforoforoako. 14 Aa le harotsako i kijoly nipakore’ areo an-tsokaiy vaho hadeboko
an-tane eo, naho songa hiboake o faha’eo naho hidoiñe; ho mongoreñe añivo’e ao
nahareo vaho ho fohi’ areo te Zaho IEHOVÀ. 15 Toe zay ty hañenefako ty habosehako
amy kijoliy, naho amo nampipakotse sokay ama’eo, vaho hanoako ty hoe: Tsy eo
ka i kijoliy rekets’ o nampipakotse azeo, 16 naho o mpitoki’ Israele mitoky am’
Ierosalaimeo, ie manao te mahaoniñe fanintsiñañe ho aze, ie po-panintsiñañe, hoe
t’IEHOVÀ Talè.

17 Ihe ka, ana’ ondatio, ampiatrefo mb’ amo anak’ ampela’ondati’oo ty lahara’o,
mb’amo mitoky ty an-tro’e ao avaoo; itokio fatse, 18 ami’ty hoe, Hoe ty nafè’ IEHOVÀ
Talè; Hankàñe amo mitrebek’ ankalan-kihoke naho fikolopofan-doha ho ami’ty bey
naho ty kede iabio hañoroña’ iareo fiaiñe! Ho horoñe’ areo ka hao ty arofo’ondatikoo
hañarova’ areo ty tro’ areo? 19 Fa tineratera’ areo am’ondatikoo raho hahazoa’o vare
mahaatsam-pitàñe tsy ampeampe naho tsila-mofo, hanjamana’o ty havelo’ ondaty tsy
ho vinonoo, vaho hamahanam-piay tsy ho vinelo, ami’ty fandañira’ areo am’ondatiko
mitsanom-bandeo.

20 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè, Inao! hejeko o bandem-pitañe fitsatsa’areo ondaty
veloñe hoe t’ie voroñe; ho riateko am-pità’ areo iereo vaho havotsoko o veloñeo,
Eka! o haveloñe horoñe’ areo hoe voroñeo. 21 Ho riateko ka o masoara’ areoo naho
ho hahako am-pità’ areo ondatikoo, le tsy ho am-pità’ areo horoñeñe ka, vaho ho
fohi’ areo te Zaho IEHOVÀ. 22 Aa kanao aman-dañitse ty nahalonjera’ areo ty arofo’
o vantañeo, o tsy nampanaheloekoo; naho nihafatrare’ areo ty fità’ o lo-tserekeo tsy
hiviha’e amo sata’e ratio, hiveloma’e; 23 le tsy ho oni’ areo ka o aroñarom-bandeo,
ndra ty fisikiliañe; fa havotsoko am-pità’ areo ondatikoo vaho ho fohi’ areo te Zaho
IEHOVÀ.

# 14

1 Aa le nivotrahan’ androanavi’ Israele raho, niambesatse aoloko eo. 2 Le niheo
amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 3 O ana’ ondatio, fa nampionjone’ ondaty
retiañe ambone’ o arofo’eo ty haleora’e naho najado’e aolon-dahara’e eo ty vato
fitsikapian-kakeo; aa vaho hañontane ahy hao iereo? 4 Aa le isaontsio ty hoe, Hoe ty
nafè’ IEHOVÀ Talè, Ze ondati’ i anjomba Israele nampitroatse o samposampo’eo an-
tro’e ao naho nampijadoñe ty vato-fitsikapian-kakeo’e añ’atrefan-dahara’e eo vaho
miheo ami’ty mpitoky mb’eo, le Zaho IEHOVÀ ty hamale i mivotrake eo ty ami’ty

hamaro' o 'ndrahare'eo, 5 handrambesako añ'arofo'e ao ty anjomba' Israele, amy
t'ie songa alik' amako ty amo samposampo'eo.
6 Aa le ano ty hoe i anjomba' Israeley, Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè, Misolohoa naho
miambohoa amo samposampo' areoo, vaho ampiambohò amo hativà' areoo o lahara'
areoo. 7 Le ze ondatin' anjomba' Israele ndra renetane mañialo e Israele ao fa nivike
tsy mañorike ahy naho nampitroatse o 'ndrahare'eo añ'arofo'e ao, naho nampijadoñe
ty vato-fitsikapian-kakeo'e aolon-dahara'e eo, vaho miheo amy mpitokiy hañontane
ty amako, le zaho IEHOVÀ ty hamale aze am-batako; 8 le hatreatreko am'ondaty zay ty
tareheko naho hatroako ho viloñe naho razan-drehake vaho haitoako am' ondatikoo,
hahafohina' areo te Zaho IEHOVÀ. 9 Aa ie nifañahieñe i mpitokiy naho nisaontsie'e i
entañey, le Zaho IEHOVÀ ty namañahy i mpitokiy, naho hatorakitsiko ama'e ty tañako
vaho ho rotsaheko am'ondatiko Israeleo. 10 Ho vavè' iareo o tahi'iareo; le ho mira
amy hakeo' i bahimo ama'ey ty tahi' i mpitokiy, 11 soa tsy handifik' amako ka ty
anjomba' Israele, naho tsy haniva vatañe amo fiolà'e iabio, f'ie h'ondatiko, vaho ho
Andrianañahare' iareo raho, hoe t'IEHOVÀ Talè.
12 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: 13 O ana' ondatio, ie
mandilatse amako i taney ami'ty halòm-piola'e, naho atorakitsiko ama'e ty tañako
hamolahako ty boda-mofo'e naho ampihitrifako hasalikoañe vaho añitoako ondaty
naho hare; 14 aa ndra te anteñateña'e ao ondaty telo retia: i Nòake, i Daniele, naho
Iobe, le ty fiai' iareo avao ty havotsotse ty amy havantaña' iareoy, hoe t'IEHOVÀ Talè.
15 Aa naho ampirangako bibi-romotse i taney hijoy ampara' te mangoakoake vaho tsy
irangà' ondaty ty amy bibiy; 16 le ndra te añivo'e ao indaty telo rey, amy te velon-
dRaho hoe t'IEHOVÀ Talè, tsy hahahaha o ana-dahi'eo ndra o anak'ampela'eo iereo; fa
ty fiai' i telo rey avao ty ho votsotse, vaho ho rotsaheñe i taney. 17 Aa naho handesako
fibara i taney vaho hanao ty hoe: O fibarao, irangao o taneo, hañitoako ze ondaty
naho biby; 18 le ndra te an-teñateña ao indaty telo rey, amy te Zaho veloñe, hoe
t'IEHOVÀ Talè, le tsy hahahaha ndra ana-dahy ndra anak'ampela, fa ty fañova' iareo
avao ty ho haha. 19 Aa naho ampañitrifeko angorosy i taney vaho adoako amy taney
ty fiforoforoako an-dio, hañitoako ze ondaty naho biby, 20 ndra te añivo'e ao t'i Noake
naho i Daniele vaho Iobe, amy te velon-dRaho, hoe t'IEHOVÀ Talè, le tsy hahavotsotse
anadahy ndra anak' ampela iereo fa ty fiai'iareo avao ty ho hahà' ty havañona' iareo.
21 Aa le hoe t'IEHOVÀ Talè, Sandrake te ampañitrifeko am' Ierosalaime o zakako
efatse mangirifirio: i fibaray, i hasalikoañey, i biby romotsey, naho i angorosiy,
hañitoañe ama'e ze ondaty naho biby. 22 Fa inao! hapoke ao ty sehanga' o ana-
dahy naho anak' ampelao, ze hakareñe ama'e; hehe! t'ie mb' ama' areo mb'eo, le ho
isa' areo ty sata naho fitoloña' iareo vaho hohòñeñe ty amy hankàñe nafetsako am'
Ierosalaimey, naho ze hene raha nandesako ama'e. 23 Aa le hohòñe' iereo nahareo
naho oni' areo ty sata naho fitoloña'e, le ho fohi' areo te tsy nanoeko tsy amam-poto'e
ze he'e nanoeko ama'e, hoe t'IEHOVÀ Talè.

# 15

1 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana'ondatio, Ino ty andikoara'
i vahey ty hatae bey? Ino ty singa'e te amo hatae añ'alao? 3 Hangalam-baramba hao
handranjian-draha? Handrambesam-pantake hao hampiradoradoam-balàñe? 4 Hehe
te ahifik' añ'afo ao ho fandrehetse; tomontoe' ty afo añ'ila'e roe, vaho ho mae ty
añivo'e ao. Mañeva fitoloñañe hao? 5 Inao! ie tsy ho nañeva hampitoloñeñe te ni-
ary, àntsake t'ie mae ro tsy maha-pi-draha kanao finorototo. 6 Aa hoe ty nafè' IEHOVÀ
Talè: Hambañe ami'ty vahe amo hatae añ'ala ao, ie natoloko añ' afo ho fandrehetse,
ty nanolorako amo mpimone' Ierosalaimeo. 7 Hampiatrefeko am' iereo ty tareheko;
ndra te miakatse ami'ty afo iereo mbe ho forototoe' i afoy avao; vaho ho fohi' areo

te Zaho IEHOVÀ, ie hatreatreko am’ iereo ty tareheko. 8 Hampangoakoaheko i taney
ty amy nifotera’ iareo ahy hoe t’IEHOVÀ Talè.

# 16

1 Niheo amako indraike ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana’ondatio, tohino
t’Ierosalaime ty amo hativà’ iareoo, 3 le ano ty hoe, Hoe t’IEHOVÀ Talè am’ Ierosalaime:
Boak’ an-tane’ i nte-Kanàney* ty nihirifa’o naho ty fifokoa’o; nte-Amore† ty rae’o,
vaho nte-Kite‡ ty rene’o. 4 Le i fisamahañe azoy, amy andro nahatoly azoy, tsy
tinampake ty foe’o vaho tsy nisasaeñe an-drano rehe hañalio azo; tsy nozañan-tsira,
tsy nifolokoñañe. 5 Tsy niferenaiñam-pihaino, tsy nanoañe leo raik’ amy rezay; fe
nariañe amoka añe ty fiai’o hoe te tsy vara, amy andro nisamahañ’azoy.
6 Niary ama’o raho vaho nizoeko te nandeotse azo ty lio’o, le hoe ty asako ama’o,
Aa ndra t’ie ami’ty lio’o, miveloma, Eka mbe tamo lio’oo rehe te nataoko ty hoe;
miveloma, 7 naho nampanaranaheko ho maro manahake o ahetse an-kivokeo, le
nitombo naho nihaabo, naho nihamineñe ravake fanjaka; nivoatse o nono’oo vaho
nihalava o volo’oo; fe nihalo vaho nibongy.
8 Niary ama’o raho nisary naho ingo te tondrok’ ama’o ty san-katea; aa le
narongoko ama’o ty sarimboko naho nisaroñako ty heña’o; le nifanta ama’o vaho
nifañina ama’o, hoe t’IEHOVÀ Talè, le ninjare Ahiko rehe; 9 sinasako an-drano,
eka kinotriko ama’o ty lio’o, vaho nañiliñako menake. 10 Nisikinako an-tsatam-
bahotse, naho nampiombeako holitse, naho nadiako lamba leny marerarera, vaho
nasaroko lande. 11 Nampiradoradoako bije, naho niravahako o sira’oo, vaho rava-
binanditse am-bozo’o eo. 12 Nanoako bange añ’oro’o naho kiviro an-tsofi’o eo
vaho sabaka homozohozo an-doha’o eo. 13 Zay ty nañaminañ’ azo am-bolafoty
naho volamena; naho nisaroñ’ azo an-deny marerarera naho lande naho an-
tsatam-bahotse; ie nihinañe bom-bare-bolè soa, reketse tantele naho menake, naho
nimontramontra vaho nionjon-ko evaem-panjaka. 14 Niboele amo kilakila’ ndatio ty
hatsomerentsere’o; amy te niginohe’ ty engeko nanoako ama’oy, hoe t’IEHOVÀ Talè.c
15 Fe niatoa’o ty hasoa-vinta’o, naho nihisa an-karapiloañe ty amy faràm-binta’oy
vaho fonga nadoa’o amy ze niary eo ty hatsimirira’o; hene niantofa’o ze nimb’ama’o.
16 Nihamine’o amo siki’oo ty kitrely tsaratseake naho nanoa’o hakarapiloañe; kanao
tsy ho oniñe ty mañirinkiriñe zay, vaho tsy ho trea ka. 17 Le rinambe’o ka o firavahan-
tsomerentsere’oo, i volamena naho volafoty natoloko azoy, nitsene’o sare’ ondaty
vaho nanoa’o hakalalijahañe, 18 le rinambe’o o siki’o maro-voloo hanikina’o aze,
vaho nengae’o ama’e i menakoy naho i tsotsekoy; 19 i mofoko natoloko azoy; i bon-
kaneñe soay, naho i menake reketse tantele nafahako azoy le nazotso’o ama’e ami’ty
harifondrifo’e; zay ty ie, hoe t’IEHOVÀ Talè. 20 Mbore rinambe’o ka o ana-dahi’oo naho
o anak’ ampela’oo, o sinama’o ho Ahikoo, vaho nisoroña’o habotseke. Ata’o ho raha
kede hao o hakarapiloa’oo? 21 Zinama’o o anakoo toe nisoroñe’o amo samposampon-
drahao, ie nampirangae’o. 22 Aa amy ze hene hativà’o naho amo fonga hakarapiloa’oo
le nandikofa’o o andron-katanora’oo ie nibongy naho nihalo vaho nileore’ i lio’oy.
23 Ie añe iaby i halotsere’oy (hankàñe ama’o, hoe t’IEHOVÀ Talè), 24 le songa niran-
jie’o tamboho, naho nitsenea’o kitrely o lalañeo; 25 nanoe’o am-pifotoran-damoke eo
o kitreli’o iabio, naho vineta’o ty hamotsotsora’o, naho vinela’o amy ze fonga niary
eo o voro-pe’oo, vaho nampitomboe’o ty hatsimirira’o. 26 Nifandrañaote’o o ana’
i Mitsraimeo, o maromaso mpañarine azoo, vaho nampitomboe’o ty hakarapiloa’o
hanigike ty habosehako. 27 Inao, arè, natorakitsiko ama’o ty tañako naho naketrako
ty fanahanako vaho tinoloko an-tsatrin’ tro’ o malaiñe azoo, o anak’ ampelan-te

* 16:3 Kanàne: mpampibalibalike; mpampireke † 16:3 Amore: mafaitse; mpiola; mpivavatse ‡ 16:3 Kite: ondaty folake; mpañeveñe

Pilisty§ salatse ami’ ty hatsimirira’oo. 28 Mbore nanoa’o hakarapiloañe amo ana’
i Asoreo* amy t’ihe tsy nieneñe; mbe nanoe’o hatsimiriirañe avao fa tsy nietsake.
29 Nampitomboe’o an-tane Kenàne añe naho amo nte-Kasdio ka ty hakarapiloa’o, fe
mbe tsy nahaeneñ’ azo.

30 Akore ty hamavozoan-tro’o, hoe t’IEHOVÀ Talè, te ihe mitolom-panao irezay, toe
satan-karapilo-mena, 31 namboare’ o akiba’oo an-doha’ ze hene lalañe, naho songa
nandranjia’o tamboho ankaboa’ ze atao tameañe! fe tsy nanahake o tsimiriirañeo
rehe kanao nalain-tambe. 32 Hoe tañanjomba maromaso mpamonje ambahiny hisolo
i vali’ey! 33 Toe fonga tambezañe o karapiloo, fa ihe ka manambe o miolots’ ama’oo,
vaho banabanae’o hitotok’ azo tok’ aia tok’aia ty amo hatsimirira’oo. 34 Aa le
mifamotetse amo ampela ila’eo ami’ty hakalalija’o; tsy eo ty manahak’ azo, kanao
mpanolon-tambe fa tsy toloren-tambe, toe mifamotetse.

35 Ie amy zao ry karapilo, tsanoño ty tsara’ IEHOVÀ. 36 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ
Talè: Kanao nadoañe ty haloloa’o naho naboak’ amo sakeza’oo o heña’o ty amy
hakarapiloa’o naho o samposampo tiva’oo vaho ty amy lio’ o keleia’o nibanabana’oo;
37 ie amy zao, henteo te sindre hatontoko o sipa’o nifalea’oo, eka! ze fonga
nitea’o, reketse o niheje’oo; vata’e hatontoko hiatreatre azo boak’ an-kotso-valo,
le haborako o heña’oo, hahatreavañe ze hene fiboridaña’o. 38 Le ho zakaeko:
hoe rakemba vinamba naho nampiori-dio ty hizakàñe azo; vaho hafetsako ama’o
ty liom-kaviñerañe naho farahy. 39 Le haseseko am-pità’ iareo naho ho rotsahe’
iareo o toe’o aboo naho ho demohe’ iareo o kitreli’oo, le hampikorendahe’ iareo
ka o siki’oo naho hitavañe ty haraom-bolonahe’o vaho hapo’ iereo mibongy naho
mihalo rehe. 40 Hendese iereo haname azo ka i lahialeñey, hametsa-bato ama’o vaho
hitombok’ azo am-pibara. 41 Ho forototoe’ iareo añ’ afo o anjomba’oo naho hizaka
azo añatrefan-drakemba maro; le hazìko rehe tsy hanao tsimiriirañe, tsy hanambe
ka. 42 Zay ty hampanintsiñe ty fifomboko ama’o naho hampienga ty famarahiako
ama’o le hitsiñe raho vaho tsy ho boseke ka.

43 Amy t’ie nandikoke ty san-katora’o naho nanigìke ty habosehako ty amy rezay;
le inao! navahako an-doha’o eo o sata’oo, hoe t’IEHOVÀ Talè; soa tsy fonga hatovo’o
amo hativà’ o ila’eo o haloloañe zao.

44 Inao, te ze hene mpanoñon-drazan-drehake ro hanao o razan-drehake zao ty
ama’o: Hambañe aman-drene’e ty anak’ ampela’e. 45 Ihe anak’ ampelan-drene’o
ty malaim-baly naho amory; ihe ka i rahavaven-droahavave’o nalaim-baly naho o
keleia’eoy; nte-Kite ty rene’o naho nte-Amore ty rae’o. 46 I Somerone† rahavave’o,
toe zoke’o, rekets’ o anak’ ampela’eo ro mimoneñe an-taña’o havia eo; vaho zai’o
t’i Sedome‡ mitobok’ an-taña’o havana eo rekets’ o anak’ ampela’eo. 47 Toe tsy
norihe’o ty sata’ iareo, naho tsy nanoe’o ty sata rati’ iareo, fe hoe raha biliti’e ama’o
t’ie nilombolombo’ iareo ami’ty haleora’ o sata’o iabio. 48 Amy te velon-dRaho, hoe
t’IEHOVÀ Talè, mbe lia’e tsy nanoe’ i Sedome zai’o naho o anak’ampela’eo o nanoe’o
naho o anak’ampela’oo. 49 Inao! zao ty hakeo’ i zai’o Sedomey: firengevohañe
naho hatemboañe vaho fitobahan-kavotroañe ty ama’e naho o anak’ampela’eo, naho
tsy nampahozare’e ty fitàm-pisotry ndra o rarakeo. 50 Nitrotroaboke iereo, nanao
hativañe añatrefako eo; aa kanao nataoko te hahasoa, le nakareko añe. 51 Le i
Somerone, ndra te tsy nanoe’e ty an-tsasan-kakeo’o; toe nampitomboe’o mandikoatse
iereo o haloloa’oo, le hoe nañavantañ’ o zoke’oo o fonga hativañe nanoe’oo. 52 Aa ihe
nizaka o rahavave’oo, vaveo ty hasalara’ o hakeo nanoe’oo, ie nilosore’o ty hativà’
iareo; toe vantañe te ama’o iereo; mimeñara vaho vaveo heike o fisalara’oo amy te
nivantañe’o o rahavave’oo.

§ **16:27** Pilisty: O mpañialoo * **16:28** Asore: ondaty fale; mañavelo; mañente † **16:46** Somerone: Vohitse
fijilovañe ‡ **16:46** Sedome: ty tsikotsiko’e; ty fipakora’e

[53] Aa ie afoteko ty fandrohiza’ iareo, ty fandrohiza’ i Sedome rekets’ o
anak’ampela’eo naho ty fandrohiza’ i Somerone mitraok’ amo anak’ ampela’eo, le
habalako ka ty fandrohiza’ o mpirohi’oo añivo’ iareo ao; [54] soa te ho vave’o ty
fisalara’o, vaho ho meñare’o o fonga sata nanoe’oo, ihe nimpañohò iareo. [55] Ie
mitampoly amy toe’ iareo valoha’ey t’i Sedome rekets’ o anak’ ampela’eo, naho
mibalike mb’amy fanoe’ iareoy ka t’i Somerone miroanak’ ampela’e, le himpoly
an-toe’o haehae ka rehe naho o anak’ ampela’oo. [56] Tsy nati’ ty vava’o hao t’i
Sedome rahavave’o tamy ihe nimpirengevokey? [57] taolo’ te nitendreke ty halò-
tsere’o, manahake tañ’ andro ninjè’ o ana’o Arame§ miariseho azoo, naho o anak’
ampela’ o nte-Pelisity mañohoke azoo: o mpañamavo azo nainai’eo. [58] Fa nivavè’o
o haloloa’oo naho o hativa’oo hoe t’Iehovà.
[59] Aa le hoe ty nafè’ Iehovà Talè, Hanoeko ama’o hambañe amy nanoe’oy, ie
nitsambolitio’o i fantay hivaliha’o amy fañinay. [60] Fa ho tiahiko i nifañinako ama’o
tañ’ andron-katora’oy vaho hajadoko ama’o ty fañina tsy ho modo. [61] Ho tiahi’o
amy zao o sata’oo, le ho salatse naho ho rambese’o indraike i rahavave’o rey, ty
zoke’o naho ty zai’o; le hatoloko azo iereo ho anak’ ampela, fa tsy amy fañina’oy. [62] I
fañinakoy ty hajadoko ama’o, le ho fohi’o te Zaho Iehovà, [63] soa te ho tiahi’o, naho ho
meñatse, vaho tsy hanoka-bava ka ty amy fisalara’oy, ie fonga hahako o sata-rati’oo,
hoe t’Iehovà Talè.

# 17

[1] Le niheo amako ty tsara’ Iehovà nanao ty hoe: [2] O ana’ondatio, taroño ty razan-
drehake, naho saontsio tafatoño ty anjomba’ Israele, [3] ami’ty hoe, Hoe ty nafè’ Iehovà
Talè, Nivotrake e Libanone ao ty vantio ra’elahy, amañ’ elatse jabajaba naho elatse
lava, nohoñem-bolo maro-volo vaho nipetake an-tsampa’ ty mendorave loho abo;
[4] tsinongo’e ty lengo’e naho nente’e mb’ an-tane bey tsena mb’eo; vaho navotra’e an-
drovam-pampibalibalik’ ao. [5] Nangala’e ka ty tabiri’ i taney naho tinongi’e an-teteke
kobokara ao; napo’e marine rano bei-henehene eo, vaho najado’e hoe solohotse.
[6] Nibotiboty re, ninjare vahe maro tsampa’e nandrevake naho petrake, vaho nitolike
ama’e o singa’eo, fe ambane’e ao o vaha’eo. Aa le ninjare vahe re; nitirian-tora’e
naho nampitakare’e mb’eo mb’eo o singa’eo.
[7] Teo ka ty vantio ra’elahy amañ’ elatse jabajaba naho volo maro; le heheke te
natola’ i vahey mb’ama’e o vaha’ eo, vaho nahiti’e mb’ama’e o tora’eo boak’ amy
vavahaly namboleañe aze hanondraha’ey. [8] Toe nitongise’e an-tane soa marine rano
mihenehene, hitiria’ o tora’eo, hiegoego ho vahe soa. [9] Ano ty hoe: Hoe ty nafè’
Iehovà Talè, Hiraorao v’izay? Tsy hombota’e hao o vaha’eo naho hampiantoe’e
o voa’eo vaho hapo’e hiforejeje—le sindre hiheatse o raven-doha-tao’eo? Le ndra
haozaram-bey ndra ondaty mitozantozañe tsy hahafitroats’ aze boak’ ambahatse.
[10] Oniño, t’ie aketsa eo, hihaveloñe hao? Tsy hiheatse amy zao hao naho iozà’ i
tiok’atiñanañey? Toe hiforejeje amo vavahaly nitiria’eo.
[11] Niheo amako indraike ty tsara’ Iehovà nanao ty hoe: [12] Saontsio henaneo i
anjomba miolay: Fohi’ areo hao ty ango’ i taliliy? Taroño am’ iereo ty hoe: Hehe fa
nivotrake e Ierosalaime ty mpanjaka’ i Bavele, naho rinambe’e i mpanjaka’ey naho o
roandria’eo, vaho nasese’e mindre ama’e mb’e Bavele mb’eo; [13] le rinambe’e ty tiri’ i
fifeheañey naho nifañina’e vaho nampifanta’e; fa rinambe’e ka o fanalolahi’ i taneio,
[14] soa te hafotsak’ ambane i fifeheañey tsy hiongake ka, soa te ho tana’e ty nifañina’e
vaho hirekets’ ama’e. [15] F’ie niola ami’te nirahe’e mb’e Mitsraime mb’eo o sorotà’eo,
hañomeza’ iareo soavala naho ondaty maro. Hiraorao hao re? Hapoke hipoliotse hao

§ **16:57** Arame: i tane avara’atiñana Pilisity

ty manao zay? Hadoñe hivongaritse hao i nivalik’ amy fañina’eiy? 16 Aa kanao velon-
dRaho hoe t’IEHOVÀ Talè, le amy fimoneña’ i mpanjaka’ nañoreñ’ aze ho mpanjakay,
ie tsinambolitio’e i nifantà’ey naho nifotera’e i fañina’ey, le añivo’ i Bavele ao ty
hihomaha’e. 17 Le tsy hahafañolotse aze t’i Parò amo lahin-defoñe mitozantozañeo
naho amy valobohò’ey, ie amotria’ iareo tamboho, naho andranjia’e fikalañe fatratse
hañitoa’e t’indaty maro, 18 ie nañamavo i fantay, nivalike amy fañinay, naho nanolo-
pitàñe mbore nanao ieaby rezay, toe tsy hipoliotse. 19 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ
Talè; Kanao velon-dRaho, le hafoteko añ’ambone’e eo i nifantàko nitsambolitio’ey
naho i fañinako navali’ey. 20 Le halafiko ama’e ty haratoko, naho ho tsepaheñe an-
koboko ao, le Zaho ty hanese aze mb’e Bavele añe, hizaka aze amo fandilarañe niolà’e
amakoo. 21 Sindre hampikorovohe’ ty fibara o gike ama’eo naho o fonga lahin-defo’eo,
naho songa hampiparatsaheñe mb’amo tiokeo mb’eo ze sehanga’e; ho fohi’ areo te
Zaho IEHOVÀ ty nitsara.

22 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè; Ho tsongoeko ka ty tora’e an-tiotio’ i talý aboy, naho
haoreko; ho harateko boak’ an-tora’e fatratse ty lengo’e maleme, vaho haketsako
an-tamboho abo mininginingy ey; 23 amy vohitse abo’ Israeley ty hamboleako aze
le hitiry tsampa’e naho hamoa voa vaho hinjare talý fanjaka; le sindre himoneñ’
ambane’e ao ze karazam-boroñe; naho songa hitsolok’ an-kalo’ o tora’eo ze raha
mitiliñe. 24 Le ho rendre’ ze hene hatae am-patrañe ao te Zaho IEHOVÀ ty
nampideboñe i hatae nijoalay, naho naonjoko ty hatae bory; nampiforejejèko ty hatae
leñe vaho nampiraoraoeko ty hatae maike; Zaho IEHOVÀ ty nitsara naho nanao.

# 18

1 Niheo amako indraike ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe; 2 Ino ty tea’ areo ho
saontsieñe, ie manoñoñe o razan-drehake zao ty amy tane’ Israeley, manao ty hoe;
Nikama valoboke makira o roae’eo vaho mangitsy ty nife’ o amori’eo? 3 Aa kanao
velon-dRaho, hoe t’IEHOVÀ Talè, le tsy hanam-pototse ka nahareo hanoñoñe i razan-
drehakey e Israele ao. 4 Oniño te kila ahy ze arofo; fonga ahy ty fiain-drae naho ty
fiain’anake; ze ondaty manao hakeo ro hihomake. 5 Fa naho vantañe t’indaty, manao
ty hahiti’e naho ty havañonañe, 6 tsy mikama an-kaboañe ey, naho tsy miandra
fihaino amo samposampon’ anjomba’ Israeleo naho tsy mandeotse ty valin-drañe’e,
vaho tsy mitotoke rakemba miambolañe, 7 tsy mamorekeke ondaty, fe mañavak’ amy
mpampisongoy ty nampitsaloha’e, tsy mampikametse, fe mamahañe ty kerè ami’ty
mahakama’e vaho manaroñe ty mihalo an-tsikiñe; 8 tsy mampisongo hangala’e ana’e
naho tsy mandrambe tombo’e, manintake ty fità’e ami’ty hatsivokarañe, le manao
zaka to añivo’ t’indaty naho t’indaty, 9 vaho mañavelo amo fañèkoo naho mitàna o
fepèkoo hanao ty hiti’e. Vañon-dre tsi-mete tsy ho veloñe, hoe t’IEHOVÀ Talè.

10 Aa ie mahatoly anake ho malaso ndra mpampiori-dio 11 (ndra te tsy manao
ndra raik’ amy raha rezay ty rae’e); ie mifanjotse an-kaboañe ey, mamahotse
ty valin-drañe’e, 12 mamorekeke ty rarake naho ty poi’e, mikizo, tsy mañavake
songo, miandra amy ze samposampo, mbore manao hativàñe, 13 mitake ana’e naho
mampisongo naho mangala tombo’e, aa vaho ho velon-dre? Toe tsy ho veloñe;
hativàñe iaby i nanoe’e rezay; tsy mahay tsy havetrake, vaho ho ama’e ty lio’e.

14 Aa ie misamak’ anake maharendreke o hene hakeo nanoen-droae’eo, le ndra
te oni’e tsy orihe’e, 15 tsy mikama am-bohitsey, tsy miandra amo samposampo’
Israeleo, tsy mandeotse ty valin-drañe’e, 16 naho tsy mamorekeke ondaty, tsy mitana
ty tsinoa’e, tsy mampikametse, te mone fahana’e ty saliko, saroña’e sikiñe ty
miboridañe 17 naho sintone’e ty fità’e tsy hanindry ty rarake, tsy mandrambe ana’e,
tsy mampitombo, ie manao ze nandiliako iaby vaho mañavelo amo fañèkoo, le tsy
hihomake an-tahin-drae’e, fa toe ho veloñe.

[18] Ty rae’e ka, ie namorekeke am-pampisoañañe, naho nitavañe an-drahalahi’e,
vaho nanao ty tsy havokarañe am’ ondati’eo; oniño t’ie tsy mete tsy hikenkañe ty amo
hakeo’eo. [19] Aa naho manao ty hoe nahareo, Aa vaho akore te tsy vavè’ i ana’ey ty
tahin-drae’e? Amy te niaiña’ i anakey o lilio, naho ty havañonañe, naho nivontitire’e
iaby o fañèkoo, vaho nanoe’e, le toe ho veloñe.
[20] T’indaty manao hakeo ty hihomake. Tsy hivave ty tahin-drae’e ty ana’e, vaho tsy
hivave ty hakeon’ ana’e ty rae; fa ty havañona’ i vantañey ro aze, naho ty haratia’
i lo-tserekey ro aze. [21] Aa naho iambohoa’ i raty tserekey* o hakeo nanoe’eo naho
mifahatse amo hene fañèkoo vaho mañavelo an-kamarentane naho an-kahiti’e, toe
ho velon-dre fa tsy hivetrake. [22] Tsy ho volilieñe ama’e o fiolàñe iaby nanoe’eo; o
havañonañe anoe’eo ro hiveloma’e.
[23] Paiako hao ty fihomaha’ o lo-tserekeo? hoe t’Iehovà Talè, Tsy hàmake te apo’e
o sata’eo, soa te ho veloñe? [24] Fa naho mienga i havantaña’ey ty vantañe naho
manao hakeo, vaho fonga anoe’e ty sata tiva’ o tsivokatseo, ho veloñe hao? Toe tsy
ho volilieñe ama’e ze hene havantañañe nanoe’e, fa i fiolàñe nandilara’ey naho o
tahiñe nanoe’eo ty hivetraha’e.
[25] Aa naho anoa’ areo ty hoe: Tsy mira ty lala’ i Talè. Mijanjiña arè ry anjomba’
Israele: Ty lalako hao ro tsy mira? kera ty anahareo ro mengoke. [26] Naho apo’
ty vantañe ty havantaña’e vaho manao hakeo, le hihomake re; o tahiñe nanoe’eo
ty hivetraha’e. [27] Ie ka, naho aforintse’ i tsivokatsey o tsy havokarañe nanoe’eo,
vaho mañavelo ami’ty fahiti’e naho ty havantañañe le hirombak’aiñe. [28] Kanao
nioni’e naho fonga nado’e o fiolàñe nanoe’eo, le toe ho veloñe; tsy hihomake. [29] Aa
ie henaneo, naho hanao ty hoe ty anjomba’ Israele, tsy vantañe ty lala’ i Talè;
Ry Anjomba’ Israele, tsy mahity hao o lalakoo? Toe ty lala’ areo ro tsy vantañe.
[30] Aa le ho zakaeko nahareo ry anjomba’ Israele, songa ty amo sata’eo, hoe t’Iehovà
Talè. Misolohoa vaho iambohò o fiolà’ areoo, tsy mone hampiantoe’ o tahi’ areoo.
[31] Ahifiho tsy ho ama’ areo ze fonga fiolàñe niolà’ areo, naho itseneo troke vao, vaho
arofo vao; fa ino ty hivetraha’ areo, ry anjomba’ Israele? [32] Toe tsy mahafale ahy ty
fihomaha’ i mikoromakey, hoe t’Iehovà Talè; aa le mimpolia soa te ho veloñe.

## 19

[1] Inao koahe, añonjono fandalàñe o roandria’ Israeleo, [2] le ano ty hoe: Ia ty
rene’o? Toe liona vave’e añivo’ o lionao, ie nandre amo lionao nañabey o amori’eo.
[3] Nibeize’e ty raik’ amo ana’eo, le ninjare liona tora’e, nioke hitsepake i tsindrokey;
nabotse’e ka t’indaty. [4] Jinanji’ o kilakila’ ndatio ty ama’e; le finandri’ iareo an-
koboñ’ ao, vaho nendeseñe am-porengotse mb’an-tane Mitsraime añe. [5] Ie nionin-
drene’e amy fandiñisa’e azey, t’ie po-pitamàñe, le nangake raike ka amo ana’eo, vaho
nibeize’e ho liona tora’e. [6] Nitingatinga amo lionao re ninjare liona tora’e, nihazatse
nipay tsindroke; vaho namotseke ondaty. [7] Narotsa’e o kijoli’ iareo fatratseo, naho
nampangoakoahe’e o rova’ iareoo; nilatsà’ i taney naho ze fonga ama’e ao ty feom-
pitroña’e. [8] Niambotraha’ o kilakila’ ndaty boak’ amy ze hene fifelehañe mañohok’
azeo, le nandafiha’ iareo harato, namandrike aze an-kobo’ iareo ao. [9] Niporengote’
iareo naho najoñe an-kipa viñe ao, vaho nasese mb’am-panjàka’ i Bavele mb’eo;
vinaho’ iareo añe tsy ho tsanoñañe am-bohi’ Israele ao ka ty feo’e.
[10] Nanahake vahe an-tanembalobok’ ao ty rene’o, naketsa añ’ olon-drano eo;
nandrevake vaho niegoego ty amy rano manganahanao. [11] Nanoeñe kobaim-pifehe
ty ra’e fatratse; nitiotiotse ambone o tora’e fatratseo; niningoningo ambone eo o
tora’e maroo. [12] F’ie nombotañe an-keloke, naho nahifik’ an-tane eo; nimaihe’ i
tiok’atiñanañey o voa’eo; nipekañeñe o tsampa’eo, niforejeje i foto’e maozatsey,

* **18:21** Iek 3:18-21, 33:8-20

vaho nitomontoñe’ ty afo. 13 Naketsa am-patrañe añe re henaneo, an-tane maike
amam-paipaiñe. 14 Niakatse an-tsampa’e lava ty afo, namorototo o voa’eo, le tsy
aman-tsampa maozatse re hanoeñe kobaim-pifeheañe.
Fandalàñe toy, toe ho fandalàñe.

# 20

1 Tamy andro faha-folo’ i volam-paha-lime’ i taom-paha-fitoy, le nivotrak’ amako ty
ila’ o androanavi’ Israeleo hañontane IEHOVÀ, vaho niambesatse aoloko eo. 2 Niheo
amako amy zao ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 3 O ana’ ondatio, misaontsia amo
androanavi’ Israeleo ty hoe: Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Niheo mb’etoy hao nahareo
hañontane ahy? Amy te Zaho veloñe, hoe t’IEHOVÀ Talè, tsy hañontanea’ areo.
4 Te hizaka iareo hao rehe? Ho zakae’o hao, ry ana’ ondaty? Tohino ami’ty
haloloan-droae’ iareo: 5 Le ano ty hoe: Inao ty nafè’ IEHOVÀ Talè; Amy andro
nijoboñeko Israeley, naho nañonjon-tsirañ’ ami’ty tirin’ anjomba’ Iakobe, naho
nampahafohineko iareo raho an-tane Mitsraime añe, ie nañonjonako sirañe, nanao
ty hoe: Zaho IEHOVÀ ro Andriananañahare’ areo; 6 amy andro nizonjoako sirañe am-
panta t’ie hakareko an-tane Mitsraime ao pak’an-tane nihentseñeko ho a iareo, tane
orikorihen-dronono naho tantele, ty loho fanjaka amy ze hene tane, 7 le hoe raho
am’ iereo, Fonga ahifiho añe ze hativañe mahasinda fihaino, vaho ko mileotse amo
samposampo’ i Mitsraimeo; Zaho IEHOVÀ Andriananañahare’ areo.
8 F’ie niola amako, toe nanjehatse, songa tsy nimete nañifike ty hativañe am-
pihaino’e, naho tsy napo’ iareo o samposampo’ i Mitsraimeo; aa le hoe raho, hakofòko
am’ iereo ty fiforoforoako, vaho ho henefako ama’e ty habosehako añivo-tane
Mitsraime ao. 9 Ie amy zao, ty añarako ro nitoloñako, tsy ho tivaeñe añatrefa’
o kilakila’ ndaty añivo’ iareoo, ie aolo’ iareo eo ty nampahafohineko ahy, amy
nampiakareñe iereo an-tane Mitsraimey. 10 Aa le nakareko an-tane Mitsraime ao
vaho nenteko mb’am-patrambey añe; 11 le nitolorako o fañèkoo vaho nitaroñako o
fepèkoo, o mahaveloñe ondaty mañavelo ama’eoo. 12 Nitolorako o SABATEKOO ka ho
viloñe* añivo’ iareo naho Zaho, haharendreha’ iareo te Zaho IEHOVÀ ro Mpampiavake
iareo.
13 Fe niola amako an-dratraratra añe ty anjomba’Israele; tsy nañavelo amo
fañèkoo, naho nimavoe’ iereo o fepèkoo, o maha-veloñe ondatio t’ie ambenañe, vaho
loho nitivà’ iareo o SABATEKOO; aa le hoe raho: Hakofòko am’ iereo ty haviñerako am-
patram-bey añe le ho mongoreko. 14 F’ie nitoloñeko avao tsy ho tivàñe añatrefa’ o
kilakila’ ndatio ty añarako, ie am-pahaoniña’ iareo ty nañakarako iareo. 15 Aa le mbe
nazonjoko am’ iereo am-patrañe ao ty tañako naho nifanta te tsy hampiziliheko amy
tane orikorihen-dronono naho tantele natoloko iareoy—ty enge’ ze hene tane; 16 amy
te nitsambolitio’ iareo o fepèkoo naho tsy nañavelo amo fañèkoo, te mone tiniva’
iareo o SABATEKOO; ie nañorike samposampon-draha ty arofo’ iareo.
17 Ie amy hoe zay, niferenaiña’ o masokoo le tsy nizamaneko, vaho tsy nimongoreko
am-patrambey añe; 18 fa hoe raho amo ana’eo an-dratraratra añe: Ko añaveloa’
areo o fañèn-droae’ areoo le ko ambena’ areo o fepè’eo vaho ko mandeo-batañe
amo samposampo’ iareoo. 19 Zaho IEHOVÀ Andriananañahare’ areo. Mañaveloa amo
fañèkoo, ambeno o fepèkoo vaho ano; 20 hamasiño o SABOTSEKOO; ie viloñe añivoko
naho nahareo, hahafohina’ areo te Zaho IEHOVÀ Andriananañahare’ areo.
21 Ndra te zay, niola amako o ana’eo: tsy nañavelo amo fañèkoo, tsy nañambeñe
o fepèkoo hanoeñe, o mahaveloñe ondaty t’ie anoeñe, vaho nileora’ iareo o
SABOTSEKOO; le hoe raho: ho nadoako am’ iereo am-patrambey ao ty fiforoforoako
hampanintsiñe ty habosehako. 22 Fe sinintoko ty tañako naho nañalañalañe ty

* **20:12** Fvt 31:13-17, Iek 20:20

amy añarakoy tsy mone ho tivàñe añatrefa’ o kilakila’ ndatio, ie am-pahaoniña’e
eo ty nañakarako iareo, [23] Toe nizonjoñako sira ka am-patrambey añe nifanta t’ie
haparatsiako amo kilakila’ ndatio vaho haboeleko añivo’ o fifeheañeo; [24] amy te tsy
nanoe’ iereo o fepèkoo, naho tsinambolitio’ iereo o fañèkoo, naho tiniva’ iareo o
SABATEKOO, vaho norihem-pihaino’ iareo o samposampon-droae’eo. [25] Ie amy zay,
tinoloko fañè tsy ho lefe, naho fepè tsy mahaveloñe†, [26] le nileorako amo banabana’
iareoo, ie nampirangà’ iareo añ’afo ao ze manoka-koviñe, hampangoakoahako iareo,
vaho hahafohiñe te Zaho IEHOVÀ.

[27] Ie amy zay, ry ana’ondaty, misaontsia amy anjomba’ Israeley le ano ty hoe: Inao
ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Inao ka ty niterateràn-droae’ areo ahy ie niola amako hoe zao,
[28] ie naseseko an-tane nañonjonako sirañe hanolorako iareo, naho niisa’ iareo ze
hene haboañe naho hatae mandrevake naho nañenga soroñe ey, naho nibanabana
enga hanigiha’ iareo ahy, nañemboke ty mandrifondrifoñe, vaho nañiliñ’ engan-
drano. [29] Aa le nanoeko ty hoe, Inoñe ze o haboañe omba’ areo zao? Vaho natao
Bamà‡ ty añara’ i aoy ampara henaneo. [30] Aa le ano ty hoe i Anjomba’ Israeley, Inao
ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Hera nileore’ ty satan-droae’ areo? Ke manao hakarapiloañe
manahake ty hativa’ iareo? [31] Ie mañenga, naho ampirangà’ areo añ’afo o ana-
dahi’ areoo, naho mandeo-batañe amo samposampo’ areoo pake henane; aa vaho
hañontanea’ areo hao raho ry anjomba’ Israele? Amy te Zaho veloñe, hoe t’IEHOVÀ
Talè, tsy hañontanea’ areo. [32] Le lia’e tsy hipaoke o fitsakorea’ areoo ie atao’ areo
ty hoe: Hitsikombe o kilakila’ndatio tika, o fifokoam-pifeheañe mitoroñe vato naho
hataeo. [33] Kanao velon-dRaho hoe t’IEHOVÀ Talè, toe an-taña maozatse naho an-
tsira natora-kitsy naho am-pifombo nadoañe, le tsy mahay tsy ho feheko nahareo;
[34] le hakareko am’ ondatio naho hatontoko boak’ amo fifeheañe nampiparatsiahañe
anahareo, an-taña maozatse naho an-tsira natorakitsy vaho am-pifombo nadoañe.
[35] Le haseseko mb’am-patrambei’ ondatio mb’eo, vaho ao ty hizakàko tarehe miatre-
daharañe, [36] manahake ty nizakako o roae’ areo am-patram-bei’ i Mitsraimeo, zay
ty hañodiako anahareo, hoe t’IEHOVÀ Talè. [37] Le hampiarieko ambane kobaiñe;
naho haseseko mb’ami’ty fifehea’ i fañinay ao; [38] naho ho tranaheko ama’ areo ao o
mpiolao naho o nikitrok’ ahio; hakareko amy tane nitaveaña’ iareo fa tsy himoake
an-tane’ Israele ao, vaho ho fohi’ areo te Zaho IEHOVÀ.

[39] Aa inahareo ry anjomba’ Israele, hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Akia songa mitoroñe
o samposampo’eo, ndra t’ie nainai’e, naho tsy te hañaoñe ahy, fe ko tiva’ areo amo
enga’ areo naho samposampo’ areoo ty añarako masiñe.

[40] Fa amy vohin-kamasiñako an-kaboa’ Israele eoy, hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè, eo
ty hitoroña’ ze hene anjomba’ Israele ahy amy taney, ie iaby amy taney ao; le ao ty
hiantofako iereo, le ao ty hipaiako ty enga’ areo, ty loha-voa banabanae’ areo, miharo
amo harao’ areo miavakeo. [41] Ho noko ty amo raha marifondrifoñeo nahareo, ie
fa nakareko am’ ondatio, naho fa natontoko amo fifeheañe nampiparatsiahañeo;
vaho havahe’ areo raho am-pihaino’ o kilakila’ ndatio. [42] Le ho fohi’ areo te
zaho IEHOVÀ ie haseseko mb’an-tane’ Israele mb’amy fifeheañe nañonjonako sirañe
hanolorako aze aman-droae’ areo añey. [43] Eo ty hahatiahia’ areo o sata’ areoo naho
o fitoloña’ areo iabio, o nandeotse anahareoo; toe hampangorý anahareo ty sandri’
areo ampahaisaha’ areo ty amo haloloañe nanoe’ areoo. [44] Le ho fohi’ areo te Zaho
IEHOVÀ, ty nañalañalañe ho anahareo ty amy añarakoy, fa tsy ty amo halò-tsere’
areoo naho tsy ty amo fitoloña’ areo maleotseo, ry anjomba’ Israele, hoe t’IEHOVÀ
Talè.

† **20:25** Sab 81:12, 30:28, Fip 7:42, Rom 1:24-28, Te II 2:11 ‡ **20:29** Bamà: haboañe

# 21

1 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana' ondatio, ampiatrefo
miañatimo ty lahara'o le mitaroña mañatimo vaho mitokia amy alay naho amy tane
atimoy; 3 le ty hoe ty hataro'o amy ala atimoy, Janjiño ty tsara' IEHOVÀ. Inao ty nafè'
IEHOVÀ Talè: Ingo te hamiañe afo ama'o raho, hamorototo ze hatae antsetra ama'o
ao naho ze hatae maike; tsy hakipeke i lel'afo mibelabelay le ho mae iaby ze tarehe
atimo pak' avaratse añe. 4 Le ho oni' ze hene nofotse te Zaho IEHOVÀ ro namiañe
aze; ie le lia'e tsy ho vonoeñe. 5 Aa le hoe ty asako, Ry IEHOVÀ Talè! Ty hoe ty asa'
iareo ty amako: Tsy mpandrazan-drehake hao re?

6 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 7 O ana'ondatio, ampiatrefo mb'e
Ierosalaime ty lahara'o naho tseizo mb'amo toetse miavakeo; mitokia mb'an-tane
Israeley, 8 naho ano ty hoe an-tane Israele ao, Inao ty nafè' IEHOVÀ: Hiatrek' azo
raho, naho hapontsoako an-traño'e ty fibarako vaho hapitsoko ama'o ty vaño naho ty
tsivokatse. 9 Aa kanao haitoako ama'o ndra ty vantañe ndra ty lo-tsereke, le hiakatse i
traño'ey i mesolavay mb'amy ze fonga nofotse boak' atimo pak' avarats' añe; 10 vaho
ho rendre' ze atao nofotse iaby te Zaho IEHOVÀ ty nampitsoake fibara amy traño'ey; le
tsy hampoliko ka. 11 Miselekaiña ry ana'ondatio, am-pikoretan-troke, am-pievoñañe
mafaitse aolom-pihaino' iareo eo. 12 Aa ie manao ty hoe ama'o iereo, Ino o iselekai-
ña'oo? le hanoiñe ty hoe rehe, Ty amy talily niazokoy, fa songa hiharofotse ze arofo,
sindre higebañe ze fitàñe, sambe hitoirañe ze troke, vaho hene ho letra'e hoe rano
ze ongotse. Hehe te hirik' ao re naho ho heneke hoe t'IEHOVÀ Talè.

13 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ: 14 O ondatio, mitokia ami'ty hoe: Hoe ty nafè'
IEHOVÀ:
Ty fibara! fa rinañitse i fibaray,
vaho nampimilomilotse;
15 Sinioñe hanjamana'e,
nikotriñeñe hitsopelatse hoe helatse!

Hirebeke hao tika, anako? Ihe nañovoke ty kobaiñe naho ze atao tsipilo?
16 Fa natolotse ho kotriñeñe i mesay, ho vontitireñe am-pitañe; fa nisioñeñe, fa
mimilomilotse i fibara hatolots' am-pità' i mpamonoiy. 17 Miroveta, angololoìho
ondatikoo, ry ana' ondatio, ze hene roandria' Israeleo, fa nasese am-pibara rekets'
ondatikoo. Hete! Mipaoha fey ! 18 Ho pok' eo ty fitsohañe, aa vaho ho ovohe'e hao
ty kobaiñe? tsy hanao zay ka, hoe t'IEHOVÀ Talè.

19 O ondatio, mitokia, mitehafa fità am-pitàñe, ampandafao fañintelo'e ty
fibara, i fibara' o hanjevoñañeoy, i fibaram-panjevoñam-bey hañarikatoke iareoy,
20 hampitranake arofo, ie maro ty hitsikapy naho hikorovoke, t'ie ampiatrefeko ami'ty
lengom-pibara an-dalambei' iareo iaby. Hehe te nampimilemilereñe, nisioñeñe
hanjamañe. 21 Lafao mb' ankavana, paoho mb'ankavia! ndra aia'aia ty añohara'
i lelam-pibara'oy. 22 Zaho ka ro hampipeke tañañe hañenefañe ty fifomboko; Zaho
IEHOVÀ ty nivolañe.

23 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ: 24 O 'ndatio, tendreo lalañe roe horihe' i fibaram-
panjaka' i Baveley; songa mfofotse amy taney añe. Andranjio pilàke amy tsempa'e
mitsile mb'amy rovaiy mb'eo; 25 atorò ty lalañe homba' i fibaray mb'amy Raba*'
o nte-Amoreo mb'eo naho mb'e Iehodà am' Ierosalaime nifatrareñey mb'eo. 26 Fa
mijohañe am-pitsileañe eo ty mpanjaka' i Bavele, misikily, akatrokatro'e o ana-paleo,
imanea'e ontane ty saren-draha, biribirie'e ty ate. 27 Tsatok' am-pità'e havana ao ty
tamben-kizè' Ierosalaime, hampitroara'e famofohan-dalañe, hikaike fanjamanañe,
hikoike aly, hampirampia'e bodam-pamofohañe an-dalambey eo, naho hamotry

* **21:25** Raba: jabajaba; maozatse; mpandietse

fanongàñe vaho handranjy rafem-panameañe. 28 Toe hatao’ iereo t’ie sikily vìlañe,
ty amo nanao fanta jadoñeo; f’ie nampitiahieñe o hakeoo, hitsepahañe iareo.
29 Aa le hoe t’IEHOVÀ Talè: Kanao nitiahie’areo o hamengoha’areoo, ie afa-domboke
o tahi’areoo, naho zoeñe amo sata’areo iaby o hakeo’areoo. Amy te fa nitiahieñe
nahareo, le fa rinambe am-pitañe. 30 Le ihe ry roandria lo-tsere’ Israele, fa tondroke i
andro’oy, an-tsa’ hampigadoñan-kakeo, 31 hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè, Endaho i sabakay,
afaho i halam-bolamenay; tsy ho tambatse eo henaneo. Aonjoñe i epakey, afotsake i
mitiotiotsey. 32 Hafoteko, hafoteko, hafoteko le tsy hanoeñe ka! ampara’ te totsak’ eo
ty manan-jo hanolorako Aze.
33 Aa ihe, ana’ ondatio, mitokia, le ano ty hoe, Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè ty
amo ana’ i Amoneo, ty amy fañinjea’ iareoy, ty hoe: Ry fibara, ry fibara tsinoake
hanjamañe: nikotriñeñe hamongotse, pak’ am-para’e, ty amy fimilomilora’ey. 34 Ie
taroñen’ aroñarom-bìlan-drehe, anikiliañe vande, hampipetahañe azo am-pititiha’ o
lo-tsereke ho vonoeñeo, ie fa tsatoke ty andro’ iareoo, an-tsam-pigadoñan-kaloloañe.
35 Ampolio an-traño-meso’e ao re! Amy namoroñañe azoy, an-tane nihirifa’o
añe ty hizakako azo. 36 Hakofòko ama’o ty hatorifihako, ho tiofeko ama’o ty
afom-piforoforoako, naho haseseko am-pità’ ondaty bibi’e, za-panjevoñañe. 37 Ho
fandrehetañ’ afo rehe, ho añivon-tane ao ty lio’o, tsy ho tiahy ka, fa Zaho IEHOVÀ ty
nitsara.

# 22

1 Niheo amako indraike ty tsara’ IEHOVÀ: 2 O ana’ ondatio, hizaka v’iheo? ho
zakae’o hao i rovan-dioy? Aa le tseizo ama’e o fonga sata-tsivokatseo. 3 Ano ty hoe,
Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Ty rova tia! Mpampiori-dio ty an-tro’e ao, fa tondroke ty
andro’e; i mitsene samposampo hanisý aze, hileora’ey. 4 Fa ota faly rehe amo lio
nampiorihe’oo, nitivae’ o samposampo niranjie’oo; nampitotohe’o o andro’oo, vaho
nampigadoñe’o o tao’oo: aa le nonjirako amo kilakila’ndatio, ho fitohafañe amo hene
fifeheañeo. 5 Hañonjitse azo iaby ty marine naho ty lavitse, ihe mavo-vintañe, lifo-
pivalitsikotahañe.
6 Heheke, o roandria’ Israeleo, ie songa aman-ozatse, ro tàma’o ao hampiori-
dio. 7 Ama’o ao ty nañamaivaña’ iareo rae naho rene; añivo’o ao ty namorekekea’
iareo renetane; ama’o ty nañota’ iareo bode rae naho vantotse. 8 Tsinambolitio’o o
raha màsikoo vaho tiniva’o o SABATEKOO. 9 Tàma’o ao o songa mpanao dramotseo
hampiorike lio; le ama’o ao ty nifanjora’e an-kaboañe ao: añivo’o ao ty nanoa’e
hakarapiloañe. 10 Ama’o ao ty nañafake ty heñan-droae’e; songa nampisalatse ty
ampela am-piambola’e; 11 songa nañarapilo ami’ty valin-drañe’e; sindre nimba’e ty
anak’ ampelan-drahavaven-tañanjomba’e naho sambe nampireke ty rahavave’e, ty
anak’ ampelan-drae’e. 12 Le ama’o ao ty nandrambe vokañe hampiorike lio, le ihe
ty nangalak’ ana-bola reke-tovo’e naho namorekeke an-drañe’o naho nañaramamo,
vaho nandikok’ ahy hoe t’IEHOVÀ Talè.
13 Oniño arè te niteha-tañan-draho amy fikatramoa’o nampitomboa’o vara naho
amo lio’o añivo’oo. 14 Hahavontititse hao ty arofo’o, ho fatratse hao o fità’oo amo
andro hitoloñakoo? Zaho IEHOVÀ ty nitsara naho hañeneke. 15 Haparatsieko añivo’
o kilakila’ ndatio rehe naho haboele amo fifeheañeo, vaho ho forototoeko ama’o ty
haleora’o. 16 Le haniva vatan-drehe am-pahaisaha’ o kilakila’ndatio, vaho ho fohi’o
te Zaho IEHOVÀ.
17 Niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe, 18 O ana’ondatio, fa ninjare taim-by
amako ty anjomba’ Israele: songa torisìke naho kankiñe, naho viñe vaho firak’ am-
po tòñak’ ao; taim-bolafoty iereo. 19 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Amy te sindre
taim-by amako nahareo, le inao! t’ie hatontoko añivo’ Ierosalaime ao. 20 Manahake ty

amoriañe volafoty naho torisìke naho viñe naho firake vaho kankiñe anteñateña' i
toñakey, haniofañ' afo hampitranak' aze ro hamoriako anahareo ami'ty habosehako
naho ami'ty fifomboko, haniofako vaho hatranako. 21 Eka hatontoko vaho ho
tiofeko ama' areo ty afon-kabosehako, ie hitranake aivo'e ao. 22 Manahake ty
fampitranahañe volafoty am-po toñak' ao, ty hampitranahañe anahareo am-po'e ao;
vaho ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ ty nampidoañe ty habosehako ama' areo.
23 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe, 24 O ana'ondatio, ano
ama'e ty hoe, Tane tsy nilioven-drehe, naho tsy nahavian' orañe amy andron-
kabosehakoy. 25 Mikitro-draha raty añivo'e ao o mpitoki'eo, manahake ty liona
mitroñe, hañoridañe ty tsàtsa'e, hampibotseke sandriñe, hitavañe vara naho asiñe;
maro ty nampinjarie' iareo ramavoiñe añivo'e ao. 26 Mijoy o Fanoroakoo o
mpisoro'eo* naho tivà' iareo o rahako miavakeo: tsy ambaha' iareo ty masiñe ami'
ty tsotra, mbore tsy toroa' iareo te ino ty faly naho ty tsy faly, naho nanakona'
iareo maso o SABATEKOO vaho tivaeñe am' iereo ao raho. 27 Manahake ty fitriboam-
parasy i tsindro'ey o roandria' eo, hampiori-dio naho hampianto sandriñe, hitavañe.
28 Le fa pinako' o mpitokio sokay zay, mionim-bande naho manikily fandañirañe,
ami'ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ Talè, fe tsy nitsara t'IEHOVÀ. 29 Mamorekeke ondati' i
taneio iereo, naho mampikametse; mbore tsoborè' iareo o rarakeo naho o poi'eo
vaho manindry ty renetane tsy aman-kahiti'e. 30 Aa le nipay ondaty am' iareo
ao raho hamboatse i kijoliy mañambone, hijohañe an-jeba'e ao ho amy taney
añatrefako eo, tsy handrotsahako aze; f'ie tsy nahatrea. 31 Aa le nadoako am' iareo
ty habosehako; nifongoreko amy afom-pifombokoy: o sata' iareoo avao ty nadoako
ami'ty añambone' iareo, hoe t'IEHOVÀ Talè.

# 23

1 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana'ondatio, teo ty
ampela roe niharo rene, 3 songa nanao hakarapiloañe e Mitsraime añe, nanao
hatsimiririañe ami'ty hasomondrara'e; tinindry añe o nono'eo naho vinonotroboke
o loha-nonon-kasomondrara'eo. 4 Ty añara' iareo: Oholà* ty zoke'e naho Oholibà†
ty zai'e; tamako iereo, naho nisamak' ana-dahy naho anak' ampela. Ty añara'eo: I
Somerone t'i Oholà vaho Ierosalaime t'i Oholibà.
5 Aa le nanao hakarapiloañe t'i Oholà, ie tamako ro ninenakena'e o sakeza'eo,
o nte-Asore marine azeo, 6 o nisikiñe mangao, ty mpifehe naho ty mpameleke,
sindre ajalahy maràm-bintañe, mpiningi-tsoavala. 7 Aa le nifandrantoa'e, ondaty
volovoloeñe amo nte-Asoreo, ze hene ondaty nikokoa'e; vaho nandeo-batan-dre
amo fonga samposampo'eo. 8 Toe tsy napo'e o hakarapiloa'e nanoe'e e Mitsraime
añeo; ie niolotse am'iereo te mbe an-katòra'e, naho vinonotrobo' iereo o nonon-
kasomondrara'eo, vaho naobo' iareo ama'e ty hakarapiloa' iareo. 9 Aa le naseseko
am-pità' o sakeza'eo, am-pità o nte-Asore nikokoa'eo. 10 Nampikorendahe' iereo ty
heña'e; tinava' iareo o ana-dahi'eo naho o anak' ampela'eo vaho vinono' iereo am-
pibara; ninjare tolom-bolan-drakemba i zaka nafetsa' iareo ama'ey.
11 Ie nirendre' i Oholibà, le nilikoara'e ty zoke'e ami'ty hatea'e vìlañe naho ami'ty
haloloan-kakàrapiloa'e; 12 nikenakenahe'e o nte-Asore mpirañe'eo, o mpifehe naho
mpamelek' an-tsikim-panjakao, o mpinday soavala miningi-tsoavalao, songa ajalahy
soa-vintañe. 13 Nizoeko amy zao re te naleotse, te songa lalan-draike ty nitsilea'
iareo roroe, 14 naho t'ie nampitoabotse o hakarapiloa'eo amy naharendreha'e sare
lahilahy sinokitse an-drindriñey, saren-te-Kasdy nilokoeñe antsetra, 15 misadia o

* 22:26 Tsf 3:4, Lke 16:16 * 23:4 Oholà: kivoho'e; kibohom-pandrañaotse; † 23:4 Oholibà: ty kibohoko,
ampela ao

toha’eo, sabaka mirebareba ty añ’ ambone’e eo, songa hoe ana-donake, hambam-
bintañ’ amo nte-Bavele nisamak’ an-tanen-te-Kasdý añeo, 16 le nitsinginiotse am’
iareo re te niisam-pihaino’e, le nampihitrife’e mb’am’ iereo an-Kasdy añe. 17 Nomb’
ama’e mb’ eo o nte-Baveleo nifandia-tihy ama’e, naniva aze ami’ ty hakarapiloañe,
le naleotse ty ama’e vaho nivitsok’ am’ iereo ty tro’e. 18 Aa le niborahe’e o
hakarapiloa’eo vaho naboa’e ty heña’e; vaho nialik’ ama’e raho, hambañe ami’ty
nialiha’ ty troko amy zoke’ey. 19 Mbore nampitomboe’e o hakarapiloa’eo ie nitiahi’e
o andron-kasomondrara’eo, ie nanao hatsimiriráñe an-tane Mitsraime añe. 20 Aa le
nireñele amo hamaromaso’eo, ie hoe nofom-borìke ty nofo’ iareo naho hoe rom-
pilahian-tsoavala ty niakatse am’ iareo. 21 Nitiahi’o ty haloloan-kasomondrara’o, ie
vinonotrobo’ o nte-Mitsraimeo o loha-nono’oo naho o nonon-kasomondrara’oo.
22 Ie amy zao ry Oholibà, hoe ty nafè’ Iehovà Talè: Inao, hatroako ama’o o
sakeza’oo, o nampipitsoke ty fikokoa’oo vaho hampiatreatreko azo, ie boak’ añ’ ila’o
iaby, 23 o nte-Baveleo, naho o nte-Kasdy iabio, o roandriañeo, naho o mpifeheo,
naho ze hene nte-Asore rekets’ ama’eo; ie songa ajalahy maràm-bintañe; sindre
mpifehe naho mpameleke vaho mpanjaka bey fiaintane; fonga mpiningitse soavala.
24 Ie haname azo am-pialiañe, an-tsarete, an-dogidogy vaho an-dahiale, hamalañe
azo am-pikalan-defo naho am-pikalam-pibara, vaho an-tsabaka iaby, le hafantoko
am’ iereo ty zaka vaho ho zakae’ iereo rehe amo lili’ iareoo. 25 Hampiatreatreko
ama’o ty farahiko naho ampiondroñondroñañe ty hanamea’ iareo azo; hampipitsohe’
iareo o fiantsoña’oo naho o ravembia’oo; hampikorovohem-pibara ze sisa ama’o;
hasese’ iareo añe o ana-dahi’oo naho o anak’ ampela’oo; vaho ho tomontoñe’ ty
afo o sehanga’oo. 26 Hampikorendahe’ iareo o siki’oo vaho ho tavane’ iereo o
rava’o fanjakao. 27 Aa le hagadoko ty haloloa’o, naho o hakarapiloa’o boak’an-
tane Mitsraime añeo, tsy hiandrà’o maso, tsy ho tiahi’o ka t’i Mitsraime. 28 Fa
hoe ty nafè’ Iehovà Talè: Inao! haseseko am-pità’ o malaiñ’ azoo rehe, am-pitàñe
mampangorìñe ty tro’o; 29 le hanoe’e am-palai-mena rehe naho ho fonga tavane’
iareo o fitoloña’oo vaho hado’ iareo mihalo naho mijageanjageañe; le hendaheñe
hiboridañe ty hakarapiloa’o, ty haloloa’o naho o hatsimirirà’oo. 30 Hanoeko ama’o i
rezay ami’ty nandenà’o mbeo’ mbeo nanao hakarapiloañe amo kilakila’ ndatio naho
t’ie naniva vatañe amo samposampo’ iareoo. 31 Kanao norihe’ o i satan-joke’oy, le
hadoko an-taña’o eo i fitovi’ey. 32 Inao ty nafè’ Iehovà Talè:
Hinome’o i fitovin-joke’o
laleke naho mangorabakey;
ho fitohàfañe naho fandrabioñañe
amy t’ie pea mitepatepa.
33 Ho lipore’ ty hamamoañe
naho ty fanaintaiñan-drehe
ty amy fitovin-kalatsañe
naho firotsahañey,
i fitovin-joke’o Someroney.
34 Toe hinome’o naho ho kapaihe’o,
ho tantae’o ty hara’e vaho
ho rangote’o o nono’oo;
fa nitaron-dRaho hoe t’Iehovà Talè.
35 Le inay ty nafè’ Iehovà Talè: Amy te nandikofa’o raho vaho nahifi’o am-boho’o
ao, le vaveo o haloloa’oo naho o hakarapiloa’oo.
36 Le hoe ty nafè’ Iehovà amako; O ana’ ondatio, Ho zakae’o hao t’i Oholà
naho i Oholibà, hitaroña’o o hativa’ iareoo? 37 T’ie nanao havambàñe, le am-pità’
iareo eo ty lio, nanao hakarapiloañe amo samposampo’eo, mbore nampiarie’ iareo

añ'afo ao o ana-dahy sinama' iareo amakoo, habotse'e. 38 Tinovo' iareo amako te
nileore' iareo amy andro zay avao i toeko miavakey vaho tiniva' iareo o SABATEKOO.
39 Amy t'ie vinono' iareo amo samposampo' iareoo o ana-dahi'eo le nimoake amy
toeko miavakey amy àndroy avao, naniva aze; vaho hehe te añivo' i kivohokoy ty
nanoa' iereo zay, 40 vaho nampihitrife'o mb'ama'o ondaty boake tsietoitane añeo;
ie nañiraha'o, le nitotsake eo iereo, ie niandroa'o, nitentea'o maso naho niravaha'o
bangebange, 41 le nitobok' an-tihy fanjaka eo rehe, ie nañalankañe fandambañañe
aolo'e eo, le napò'o ama'e ty rameko naho o solikoo. 42 Tama'e ao ty nijanjiñañe
ty feom-balobohòke am-bodomomok' ao; le nendeseñe ho mpiamo lahilahy tea
vintañeo, o jike boak' am-patrañe añeo, niravahe' iareo o fità'eo vaho sinabaka'
iareo halan-engeñe ty añambone' iareo.
43 Le hoe raho t'ie nimokora' i hakarapiloa'eiy, Aa vaho mbe hañarapilo ka iareo?
44 amy te nivotrak' ama'e iereo hoe mpipay tsimiriràñe, zay ty niharoa' iareo tihy
amy Oholà naho i Oholibà, i hakalalijahan-drakemba rey. 45 Aa le ho zakae' ondaty
vantañeo iereo amy lili' o vinambaoy, naho amy lilin-drakemba mampiori-dioy, amy
t'ie nanao havambàñe vaho am-pità' iareo ty lio.
46 Aa hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; haseseko am' iereo ty lahialeñe, le hatoloko
haronjeronje vaho ho kopaheñe. 47 Ho retsahe' i lahialeñey vato, naho hizamañe am-
pibara; hampibaibai' iareo o ana' dahi'eo naho o anak' ampela'eo vaho hamorototo
o anjomba' iareoo amañ' afo. 48 Zay ty hanjiherako ty fandrantoañe amy taney, soa
hene hanareñe o ampelao tsy hañorike ty fandrantoa' areo. 49 Le hondroha' iareo
ama' areo ty haloloa' areo, naho ho vavè' areo ty hakeo' o samposampo' areoo; vaho
ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ Talè.

# 24

1 Niheo amako indraike, amy andro faha-folo' i volam-paha-folo' i taom-pahasiveiy,
ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana' ondatio, sokiro ty añara ty andro: ty andro
henanekeo: fa niarikatohe' ty mpanjaka' i Bavele ami'ty andro toy t'Ierosalaime. 3 Le
saontsio an-tafatoño i anjombam-piolay ami'ty hoe: Hoe ty nafè IEHOVÀ Talè;
Atokono ty valàñe,
atokono vaho añiliño rano;
4 atontono ama'e o patets-enao,
ze fonga vonga'e soa,
i hàto'ey naho i soro'ey;
vaho liforo taolañe mafiry.
5 Endeso ty lengo' i lia-raikey,
aobo ambane'e ao o taolañeo,
le atokono soa vaho ampikotrokotroheñe ampara' te masake naho o taolañeo.
6 Le hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Hankàñe amy rovan-dioy, amy valàñe ama-taim-piray
ie mbe tsy niakara' i taim-piray, akaro kiraikiraike o vonga'eo, tsy anoraham-pida.
7 Fa mb'e ama'e ty lio'e; nadoa'e am-bato eo, fa tsy naili'e an-tane eo handembeke aze
an-deboke. 8 Hañonjona'e ty haviñerako naho hanigike ty fañondrohako; le napiteko
am-bato eo i lio'ey tsy ho lembefañe. 9 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Hekoheko amo
rovan-dioo! Handrehetako afo misolebotse, 10 añoboño hatae, amiaño afo, masaho i
henay, alaro fampafiriañe, vaho forototò o taola'eo; 11 apok' am-baen-afo eo i valàñe
kapaikey ampara' te mae, hampirekake ty torisi'e, hanodotse ty harefe'e hitranak'
ao, hampitomontoñe i harefe'ey. 12 Nahamokotse aze avao fa nilesa, tsy niakatse i
harefe'e maroy; mb' añ' afoy o harefe'eo. 13 Kanao nimaneako kotriñe amy hare-
ñele'o maleotsey, ihe nifoneñe tsy halio, le toe tsy halio amo haleora'oo ampara' te
heneke ty fiforoforoako. 14 Zaho IEHOVÀ ty nitsara. Hifetsake zay, Zaho ty hanao, tsy

hipotake, tsy hitretre, tsy hiheve. O sata'oo naho o fañaveloa'oo ty izakako azo, hoe
t'IEHOVÀ Talè.
15 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 16 O ana' ondatio, Ingo te hahàko
ama'o ty fañiriam-pihaino'o indrai-mipaoke; fa tsy handala rehe tsy hangolololoike,
vaho tsy ampiorihe'o ranom-pihaino. 17 Mioremeña aman-tsiñe, ko mandala vilasy,
rohizo ami'ty añambone'o ty sabaka'o, le hanao o fandia'oo, naho ko manakom-
pivimby ambone, vaho ko mikama ty hane' ondaty mandala. 18 Aa le nitaliliako amy
maraiñey ondatio, le nivetrake hariva i valikoy; vaho nanoeko amy loak' àndroy i
nandiliañe ahiy.
19 Le hoe ondatio amako, Tsy ho taroñe'o ama'ay hao o anoe'o ama'ay zao?
20 Le tinoiko ty hoe, Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 21 Ano ty hoe
amy anjomba' Israeley, Hoe t'IEHOVÀ Talè, Inao! ho tivàko i toeko miavakey, ty
enge' o haozara' areoo, ty fisalalàm-pihaino' areo, naho ty ravoravon-tro' areo;
hampikorovohe' ty fibara o ana-dahy naho anak' ampela nado' areo añeo. 22 Le
hanoe' areo i nanoekoy, tsy hitakom-pivimby vaho tsy ho kamae' areo ty hanem-
piferenaiña' ondaty. 23 Apoho añambone' areo eo ty sabaka, vaho ampihanao
o fandia' areoo; tsy handala, tsy hirovetse; fe hinike ty amo tàhi' areoo, vaho
hifampitoreo. 24 Le ho viloñe ama' areo t'Iekezkele, ampanahafo amo nanoe'eo ty
hanoe'areo: ie tondroke zay le ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ Talè.
25 Ie amy zay ry Ana'ondatio, amy andro hitavanako ty haozara' iareoy, ty
firebehan-enge'e, ty fisalalàm-pihaino'e naho ty fitsakorean'arofo'e, o ana-dàhy
naho anak' ampela' areoo. 26 Le homb' ama'o amy andro zay ty nahafipoliotse,
hampijanjiñ' azo an-dravembia. 27 Amy andro zay, le ho sokafem-palie rehe ty amy
nahavoratsakey; tsy ho moañe ka, naho ho viloñe am' iereo, vaho ho fohi' iareo te
Zaho IEHOVÀ.

## 25

1 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe, 2 O ana'ondatio, atrefo o nte-Amoneo
vaho itokio, 3 le ano ty hoe amo nte-Amoneo, Janjiño ty tsara' IEHOVÀ Talè, Inao ty
nafè' IEHOVÀ Talè: Amy t'ie nanao ty hoe, Haotý! amy toeko miavakey, ie nitivaeñe;
naho an-tane' Israele, ie nampangoakoaheñe; naho amy anjomba' Iehodày, ie nasese
mb'am-pandrohizañe añe; 4 ingo arè te hatoloko ho fanaña' o nta-tiñanañeo rehe,
le havotra' iareo ama'o ao ty tobe' iareo, naho hañoreñe fimoneñañe; ho kamae'
iareo ty namokara'o vaho handriotse o ronono'oo. 5 Le hanoeko fitobean-drameva
ty Raba, naho fañialoan-dia-raike t'i Amone; vaho ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ. 6 Aa
inao ty nafè' IEHOVÀ Talè, Amy t'ie niteha-pitàñe naho nampikodoim-pandia ami'ty
firebehan-tro'o ami'ty fanirika'o ty tane' Israele, 7 ingo arè te zaho ty hanorakitsike
ama'o ty sirako, hanolotse anahaero ho fikopaha' o kilakila 'ndatio, naho haitoako
am'ondatio, naho ho mongòreko amo taneo, naho harotsako, vaho ho fohi'o te Zaho
IEHOVÀ.
8 Inao ty nafè' IEHOVÀ Talè: Amy te manao ty hoe t'i Moabe[*] naho i Seire[†]: Hehe
te manahake o kilakila 'ndatio ty anjomba' Iehodà; 9 aa Inao te ho sokafeko boak'
amo rovao ty ila' i Moabe, añ' ila' o rovao añ' olon-tane'e eo, o tane mahasindao:
i Bet'haiesimote[‡] naho i Baalmehone[§] vaho i Kiriataime[*], 10 le hatoloko rekets' o
nte-Amoneo ho fanaña' o nta-tiñanañeo, tsy ho tiahy amo kilakila' ndatio ka o nte-
Amoneo. 11 Hametsahako zaka ty Moabe; hahafohina'e te Zaho IEHOVÀ.

---

[*] **25:8** Moabe: boak'aman-drae'e [†] **25:8** Seire: volovoloeñe; ose; kokolampa; [‡] **25:9** Bet'haiesimote: akiba
am-patrañe añe [§] **25:9** Baalmehone: i Andraharen-kibohotse [*] **25:9** Kiriataime: an-drova mpihambañe

12 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; I nanoe' i Edomey†, ie namale fate ami'ty anjomba'
Iehodà, (ndra t'ie voa-zaka) vaho nañava-kabò ama'e; 13 le hoe ty tsinara' IEHOVÀ
Talè: Hatorakitsiko amy Edome ty tañako le haitoako ama'e t'indaty naho hare
naho hampangoakoaheko boak'e Temane‡ vaho habaibaim-pibara t'i Dedane§. 14 Le
hapoko amy Edome ty kabòko am-pità' ondatiko Israeleo, naho hanoeñe Edome ao
ty amy habosehako naho fiforoforoako; vaho ho fohi' iareo ty fañondrohako, hoe
t'IEHOVÀ Talè.
15 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Aa kanao namale fate vaho nañava-kabò an-troke
manirika o nte-Pilistio ty amy fifalaiña' iareo vintañe nainai'ey 16 le inao ty nafè'
IEHOVÀ Talè: Ingo hatorakitsiko amo nte Pilistìo ty tañako naho haitoako o nte-
Kereteo* vaho harotsako ty honka'e añ' olon-driake eo. 17 Hampifetsahako zaka
jabajaba iereo rekets' endake miforoforo; vaho ho fohi' iareo te Zaho IEHOVÀ, ie
hampipohako avake.

# 26

1 Ie am-baloham-bola' i taom-paha-folo-raik'ambiy, te niheo amako ty tsara' IEHOVÀ
nanao ty hoe: 2 O ana'ondatio, Kanao nanao ty hoe ty Tsore* ty am' Ierosalaime: Hike!
rotsake, i ni-lalambei' o kilakila' ndatioy; fa midañadaña mb'amako: ho vontsy ty
ama'e raho henaneo, ie fa nikoahañe, 3 aa le hoe t'IEHOVÀ Talè; Inay te atreatrèko,
ry Tsore, vaho hampanameako azo ty fifeheañe maro manahake ty ampitroare' i
riakey o onja'eo. 4 Ho demohe' iareo ty kijoli' i Tsore naho hampikoromahe' iareo o
fitalakesañ' abo'eo; mbore ho haoreko ama'e ty debo'e vaho hampanahafeko ami'ty
tarehen-damilamy. 5 Ho fandafihañe harato añivo' i riakey, vaho ho fañaoha' o
kilakila' ndatio amy te Zaho ty nitaroñe, hoe t'IEHOVÀ Talè. 6 Ho zamanem-pibara
o anak' ampela'e an-tetekeo le ho fohi' iareo te Zaho IEHOVÀ.
7 Fa hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Oniño te hampivotraheko amy Tsore t'i Nebokad-
netsare, mpanjaka' i Bavele, ty mpanjaka' o mpanjaka avaratse añeo, reketse
soavala naho sarete, naho mpiningi-tsoavala, naho o lian-dahin-defo'eo, vaho i
valobohòkey. 8 Ho zamanem-pibara o anak' ampela'o an-kivokeo; naho handran-
jia'e rafi-panameañe, naho hampitoabora'e tamboho vaho hañonjona'e fikalañe.
9 Hampitroara'e lamasinañ' aly amo kijoli'eo, vaho hampikoromahe'e am-pekoñe
o fitalakesañ' abo'eo. 10 Ty debo' i fitozatozan-tsoavala'ey ty handembeke azo,
hiezeñezeñe o kijoli'oo ami'ty fikoraha' o mpiningi-tsoavalao, naho amo larò'eo,
naho amo sareteo, amy fimoaha'e amo lalam-bei'oo manahake ty fiziliha' ondaty
amo heban-kijolin-drova' rotsakeo. 11 Hampitrobohe'e an-tombon-tsoavala ze hene
lalan-damo' iareo; ho fonga zamane'e am-pibara ondati'oo vaho songa hideboñe an-
tane o samposampon-kaozara'oo. 12 Ho kamere' iereo o vara'oo le fonga hikopà'
iareo o kilanka' areoo; hampiantoe' iareo o kijoli'oo, vaho harotsake o anjomba'
areo sarotseo; vaho halafi' iareo am-po' i ranoy ao o vato naho boda naho debo'oo.
13 Hajiheko ty feon-tsabo'o; vaho le lia'e tsy ho janjiñeñe ka ty fivola' o marovani'oo.
14 Hanoeko hambañe ami'ty lamilamy miloeloe, ho fandafihañe harato; toe tsy
haoreñe ka, amy te Zaho IEHOVÀ ty nivolañe, hoe t'IEHOVÀ Talè.
15 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè amy Tsore: Toe hampitroetroe o tokonoseo ty
figaragadebo'o, ie mikaikaike o nifereo, ie henek' añivo'o ao i fizamanañey. 16 Ie
amy zay songa hizotso amo fiambesa'eo o roandria' i riakeio naho hambine' iareo
o sarimbo' iareoo, naho hafaha' iareo o saro'e soa vinahotseo, hisikiñe fitititititihañe;

---

† 25:12 Edome: hamenañe; hamenan-dio ‡ 25:13 Teman: i atimoy; Afrika; ginoke § 25:13 Dedane: ty araña'e; firañetañe; mpizaka * 25:16 Kerete: mpamira, mpandrovitse * 26:2 Tsore: maozatse; vato; masioñe

hitozòke an-tane eo hitolom-pihondrahondràñe vaho ho daba ty ama'o! 17 Le
hañonjom-bekom-pandalàñe ama'o iereo, ami'ty hoe:
Akore ty firotsaha'o,
Ry nimoneñam-piandriakeo?
Ty rova team-bintañe,
naozatse amy riakey,
ie naho o mpimone'eo,
ze nampirevendreveñe
o mpitobok' ama'ao iabio.
18 Aa le hanginikinik' amy andro
fideboña'oy o tokonoseo,
hiriatsandry ami'ty hamongora'o,
o tokonose an-driak' añeo.
19 Fa hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Hanoeko rova bangiñe rehe, manahake o rova
mangoakoakeo; hampionjoneko hisaroñe azo ty tsikeokeoke; vaho rano maro ty
handipots' azo. 20 Ie hampizotsoeko mindre amo mizotso mb'an-kiborio ao, hitraok'
am'ondaty taoloo, naho hadoko am-pigadoñan-tsikeokeok' ao, manahake o tanan-
taolo haehaeo, miharo amo migodañe mb'an-donakeo, soa tsy ho amam-pimoneñe
ka rehe te hatoloko engeñe i tanen-kaveloñey. 21 Hanoeko fangebakebahan-drehe, le
tsy ho eo in-tsasa, ndra te paiaeñe tsy ho oniñe ka, hoe t'IEHOVÀ Talè.

# 27

1 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 Ie amy zao ana' ondatio,
onjono fandalañe t'i Tsore, le ano ty hoe t'i Tsore, 3 O ry mpimoneñe am-pitolia' o
riakeo, mpanao balike ho am' ondaty an-tokonose maroo, inao ty nafè' IEHOVÀ Talè:
O Tsore! hoe ty asa'o:
ginoke an-katsomerentseren-draho.
4 Anteñateña' i riakey o efe-tane'oo
naho nahafonitse ty hatsaratsea'o
o mpandranji'oo.
5 Hene nanoe' iereo ami'ty nato' i Senire* o varamban-daka'oo;
nangalak' amo mendorave' i Libanoneo,
hamboara' iareo o bodan-dai'oo.
6 Amo kobai' i Basaneo†
ty nandranjia' iareo o fivei'oo;
an-tsifa boak' amo tokonose' i Kitio
ty nitsenea' o nte-Asoreo o fiambesa'oo,
7 Lamba leny marerarera
soa vinahotse boake Mitsraime añe
ty nalama'o ho lai'o;
manga naho malo-mavo boak'
an-tokonose' i Elisà‡ ty nanaroñe azo.
8 Nimpivei'o o nte-Tsidoneo§
naho o nte Arvadeo*;
tam-po'o ao, ry Tsore,
ondaty mahihi'oo,
o ni-mpanehak' azoo.
9 O androanavi' i Gebaleo†

* **27:5** Senire: labozim-pandreañe; miovaova † **27:6** Basane: ami'ty nife; nifem-biby bey ‡ **27:7** Elisà: Añondrin'Añahare; I Mpañolotse § **27:8** Tsidone: mpañoro; mpamintañe; * **27:8** Arvade: mpirererere
† **27:9** Gebale: efe-tane;

naho o mahihi’eo ty nanosoke
o varakivaraky ama’oo;
songa tama’o ao o sambon-driakeo
rekets’ o mpiandria’eo
nifanakalo kilankañe ama’o.
10 Nimpitraok’ amo lahindefo’oo, o nte-Paraseo‡ naho o nte-Lodeo§ rekets’ o nte-
Poteo*, ondaty mpialy; naradorado’ iareo ama’o o fikala’ iareo naho o aron-doha’eo;
naràm-bintañe ama’e rehe. 11 Niariary an-kijoli’o eo o lahindefo’oo mindre amo
nte-Arvadeo, naho tam-pitalakesañ’ abo’o ao o nte-Gamadeo†; naseba’ iareo amo
rindri’oo mb’atia mb’atia o fikalan-defo’eo; nifonira’ iareo ty hamontramontra’o.
12 Nimpanao balibalik’ ama’o t’i Tarsise‡ amy fibodobodoam-bara’ey; navaro’ iareo
an-tsena’o ao ty volafoty, viñe, kankiñe, vaho firake. 13 Nimpanao balike ho azo
t’Iavane naho i Tobale vaho i Meseke§, nanao takinak’ ama’o ami’ty fiai’ondaty naho
ami’ ty valàñe torisìke. 14 Nanao kinanga amo tsena’oo ty anjomba’ i Togarmà*
rekets’ o soavala’eo naho soavalan-aly vaho borìke. 15 Nimpanao balik’ ama’o
o nte-Dedaneo, tokonose tsiefa ty nikalo am-pità’o eo; nibanabana tsifa-foty naho
mañary. 16 Nanao takinak’ ama’o ka t’i Arame amo hatsifotofoton-draha tsinene’oo,
nanao takinak’ an-drobikà naho malòmavo naho raha soa vinahotse naho leny
marerarera naho hareañe vaho hange. 17 Nanao balik’ ama’o ka t’Iehodà naho ty
tane’ Israele; nendese’ iareo vare-bole boake Minite† mb’an-tsena’o ao, naho raha
mafiry naho tantele naho menake vaho solike. 18 Nikalo ama’o ka t’i Damesèke‡
ami’ty fibodobodoan-draha namboare’o, ami’ty vara tsy efa, naho divay boak’e
Kelbone§ vaho volonañondry mikotritriake. 19 Nikaloe’ i V’Dane naho Iavane nte-
Ozale viñe niloeloe, le amo kilanka’o iabio ty sena naho vinda mañitse. 20 Nanao
balik’ ama’o t’i Dedane: lamba fanoeñe an-tsarete. 21 O nte-Arabeo* naho o roandria’
i Kedareo† nanao takinak’ ama’o amo vik’ añondrio, o añondrilahio, vaho amo ose-
lahio, nimpikalo i raha rey iereo. 22 I Sebà‡ naho i Raama§ ni-mpanao balike; nanao
takinak’ amo tsena’oo an-tsakày naho vatosoa vaho volamena. 23 Songa nifanakalo
ama’o ty Karane* naho i Kanè† naho i Edene‡, o mpampibali’ i Sebao, i Asore vaho
i Kilmade§. 24 Nilahatse ama’o ami’ty raha maro i mpanao takinak’ ama’o rezay;
tañate’ ty kilanka’o ao ty sarimbo manga naho lamba soa vinahotse naho vata pea
fisiky fanjaka, finehe taly naho rinanjy ami’ty mendoraveñe. 25 Ihe ty nampionjoñe
o sambo’ i Tarsiseo,
o mpanao takinake ho azoo; nipea rehe,
nitoabotoabotse añivo’ i riakey ao. 26 Ninday azo nitoañe riake laleke
o mpivei’oo,
fe namolak’ azo añivo’ o riakeo
i tiok’ atiñanañey. 27 Ty vara’o, o tsena’oo,
o fifampikaloa’oo,
o mpivei’oo, o mpaneha’oo,
o mpandite-laka’oo,
o mpanao balibalik’ ama’oo,

‡ **27:10** Parase: mpandily, mpizara; kitroke; § **27:10** Lode; fisamahañe; tariratse * **27:10** Pote: ana’ i Kame, ana’ i Noake † **27:11** Gamade: kana; ondaty mahasibeke ‡ **27:12** Tarsise: fitsakoreañe; fitsohañe § **27:13** Meseke: I nikozozoteñe aman-kère * **27:14** Togarmà: taolañe iaby † **27:17** Mininte: vinolily; nihentseñañe ‡ **27:18** Damesèke: gony pea-dio; miforehetse § **27:18** Kelbone: vondrake; kobokara * **27:21** Arabe: mampitombo; mikitro-draty; † **27:21** Kedare: mpivily an-taña’o; hontoke ‡ **27:22** Sebà: fitofañe; fanta § **27:22** Raama: ampiñe; folo’ay; haratiañe * **27:23** Karane; tane am-bohibohitse † **27:23** Kanè: ndra Kalnè: ty fahahenefan-tika ‡ **27:23** Edene: hafalea; haravoravoañe § **27:23** Kilmade: mañòke ndra mianatse

ze hene lahin-defo’o ama’o,
ze fonga valobohò’o ama’o,
songa hijoroboñe am-po’ o riakeo ao
amy androm-pirotsaha’oy. 28 Hihondrahondra o mpañohok’ azoo
ami’ty feon-toreo’o o mpanehakeo. 29 Songa hizotso amo sambo’eo
o mpitàm-piveio, o mpifanehake am-piveio, sindre hijohañe an-tamboho eo
o mpanehake an-driakeo 30 naho hipoña-piarañanañañe,
ho janjiñeñe ama’o ao
ty fangololoihañe,
vaho hampibobò deboke
amo añambone iereoo
hidrakadrakak’ an-davenok’ ao: 31 Hifandriritse maròy ty ama’o,
naho hisikiñe lamban-gony,
vaho hirovetse an-
kaferon’arofo naho
hangoihoy an-kafairañe. 32 Amy fangololoihañey
ty hañonjonam-bekom-pandalàñe ho azo am-pirovetañe, ami’ty hoe;
Ia ty mañirinkiriñe i Tsore,
hambañe amy rinotsake
anteñateña’ i riakeiy? 33 Ie nionjoñe boak’ an-driak’ ao
o kilanka’oo,
le nilifore’o ty fifokoañe maro;
nampañefoefo o mpanjaka’ ty tane toio
ami’ty hatsifotofoto’
o kilanka’oo, naho o balibali’oo. 34 Amy andro namolaha’ i riakey
azoy an-kalale’ o ranoo ao,
le fonga nirotsake
ty fifampibalibalihañe naho
i valobohòke ama’oy. 35 Songa nidaba ty ama’o
o mpimoneñ’an-tokonose añeo,
naho niazo’ ty anifañe o mpanjaka’eo
nitsololòk’ an-daharañe. 36 Mikosìke azo
o mpanao takinak’ añivo’ ondatioo;
fangetraketrahañe nainai’e rehe,
vaho le lia’e tsy ho ao ka.

# 28

1 Niheo amako indraike ty tsara’ Iehovà nanao ty hoe, 2 O ana’ondatio, saontsio ty
hoe ami’ty roandria’ i Tsore, Hoe ty nafè’ Iehovà Talè:
Amy t’ie nañonjoñe ty tro’o,
nanao ty hoe:
zaho ro ‘ndrahare,
mpiambesatse am-piambesan-
ndrahare eo,
anteñateñan-driak’ ao;
te mone ondaty rehe
fa tsy Andrianañahare,
najado’o ho arofon’añahare ty tro’o;
3 toe mahihitse te amy Daniele rehe;
tsy eo ty bisibisike
hahafietaha’ iareo ama’o;

4 ami'ty hilala'o naho ami'ty faharendreha'o
ty nanontona'o vara, naho
namoria'o volamena naho volafoty
an-driha'o ao;
5 ty haliforan-kihi'o, o fibalibali'oo
ty nampitomboa'o fanaña, vaho
mitoabotse ty tro'o ty amo varao.
6 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè amy te nampijadoñe'o ho ndrahare ty tro'o:
7 Ingo arè te hampihitrifeko
ama'o ty ambahiny,
ondaty maozatse amo kilakila' ndatio,
le ho tarihe' iereo
ami'ty hafanjakan-kihi'o
o fibara'eo,
vaho ho tivà' iareo ty fireandrea'o.
8 Hagado' iareo mb'an-
tsikeokeok' ao rehe,
hihomak' ami'ty
fivetraha' o zinamañe
an-teñateñan-driakeo.
9 Aa mboe hatao'o añatrefa'
i mpamono azoy hao ty hoe:
zaho o ndrahare zao?
Ihe ondaty avao,
fa tsy Andrianañahare,
am-pità' i mañè-doza ama'oy.
10 Hikoromak' ami'ty fivetraha'
o tsy sinavatseo rehe,
am-pitàn-ambahiny;
amy te Zaho ty mitaroñe,
hoe t'IEHOVÀ Talè.
11 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 12 O ana'ondatio, añonjono bekom-
pandalàñe ty mpanjaka' i Tsorey ami'ty hoe:
Hoe t'IEHOVÀ Talè:
Nivolim-pitombon-kafoniran-drehe,
nilifo-kilala,
vaho niginok' an-katsomerentserañe.
13 Te Edene, golobon'Añahare ao rehe,
nisikine ze hene vatosoa;
ty odeme, ty pit'dà, ty diamondra,
ty tarsise, ty sohame, ty iasefè,
ty safira, ty nòfeke, ty barekate;
vaho nitseneañe ama'o am-bolamena
an-tsata' ty mandolina naho ty soly,
amy andro nañoreñañe azoy.
14 Nimpanàkon-drehe
ry kerobe norizañey,
Zaho ty nampijadoñ' azo
tamy vohi-masin' Añaharey;
nihelohelo amo vato milebalebao.
15 Nitalango an-tsata'o iaby
boak' ami'ty andro nañoreñañ' azo,

ampara’ te nitendrek’ ama’o ty hakeo.
16 Nahalipo-tiñak’ azo
ty fitoaboram-pibalibali’o,
naho nandilatse rehe;
aa le navokovokoko boak’amy
vohin’Añaharey,
vaho naretsako aman-keloke
amo vato milebalebao rehe
ry kerobe mpanakoñeo.
17 Nañonjoñe azo an-tro’o,
ty hamotsotsore’oy,
naniva azo ty hilala’o
ty amy filoeloea’oy;
nafetsako an-tane eo rehe;
napoko añatrefa’ o mpanjakao, haharendreha’ iareo azo.
18 Fa nitivae’o i toe’o miavakey
amo tahi’o tsifotofotoo,
amo hakeom-pibalibali’oo;
aa le nañakarako afo boak’am-po’o ao,
ze nahaforototo azo,
tinenoko ho lavenok’ an-tane eo
am-pahaoniña’ ze hene mahaisake.
19 Songa nilatsa’ ze nahafohiñe azo
amo kilakila’ndatio;
nivarata rehe vaho tsy ho eo ka.
20 Niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 21 O ana’ ondatio ampiatrefo mb’e
Tsidone ty lahara’o le mitokia ama’e 22 ty hoe, Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè:
Heheke te miatrek’azo raho ry Tsidone;
le ho rengeñe añivo’o ao raho;
naho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ,
ie ametsahako zaka,
vaho haveheñe ama’e.
23 Hañitrifako angorosy
naho lio amo lala’eo
naho hitsingoritritse añivo’e ao o fereo,
ty asam-pibara miarikoboñe aze,
vaho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ.
24 Aa le lia’e tsy ho aman-droi-piteke
i anjomba’ Israeley,
ndra fatike hampinòtse aze
boak’ amo mpiarikoboñe malaiñe azeo;
vaho ho fohi’ iareo
te Zaho IEHOVÀ Talè.
25 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Ie atontoko amo hene nampiparatsiahako aze añeo
ty anjomba’ Israele, naho fa nampiavaheko am-pihaino’ o kilakila’ ndatio 26 le hi-
moneña’ iareo i tane natoloko amy mpitoroko Iakobeiy. Hiaiñañoleñañe iereo naho
hañoreñe kivoho naho hañalahala tanem-bahe le himoneñ’ an-kanintsiñe ao, ie fa
nametsahako zaka o mpamaoke mañohoke iareo vaho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ
Andrianañahare’ iareo.

# 29

1 Amy andro faha-folo-ro’ambi’ i volam-paha-folo’ i taom-paha-foloy le niheo amako
ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana’ondatio, ampañatrefo amy Parò mpanjaka’ i
Mitsraime ty lahara’o vaho mitokia ama’e naho amy Mitsraime iaby. 3 Itaroño ty hoe,
Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè:
Oniño te miatreatre azo raho ry Parò,
mpanjaka’ i Mitsraime,
ty fañaneñe jabajaba mitsalalampatse
añivo’ o saka’eo,
manao ty hoe: Ahiko o sàkakoo,
fa namboareko ho ahy.
4 Aa le hajoko am-balañorà’o ao
ty porengotse vaho hampipetaheko
an-tsisi’o eo o fian-tsaka’oo,
le hakareko boak’ añivo’
o saka’oo
rekets’ o fian-tsaka’o mipiteke
amo sisi’o iabio,
5 vaho hahifiko an-dratraratra añe,
ihe naho o fian-tsaka’o iabio
hideboñe a’ moka añe,
tsy hatontoñe, tsy havory;
fa natoloko ho fihina’ o bibin-kivokeo
naho o voron-dikerañeo.
6 Ie amy zay ho fohi’ ze hene mpimoneñe e Mitsraime ao te Zaho IEHOVÀ, amy
t’ie nitahom-bararata amy anjomba’ Israeley. 7 Rinambe’ iareo am-pitàn-drehe le
nipekañe nandriatse ty fità’ iareo iaby; aa ie niato ama’o le nifolake nampikoletrake
o toha’ iareoo. 8 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Inao te hendesako fibara hañitoako
ze ondaty naho hare ama’o ao. 9 Le ho bangìñe naho koake ty tane Mitsraime; vaho
ho fohi’ areo te Zaho IEHOVÀ, amy ty natao’o* ty hoe, Ahiko i sakay, zaho ty nañoreñe
aze, 10 le oniño te atreatrèko rehe, naho o saka’oo, vaho hampangoakoaheko ty
Mitsraime ho vahiny boak’ am-pitilik’abo’ i Sieney† pak’añ’efe-tane’ i Kose añe. 11 Leo
fandia’ ondaty tsy hiranga ao; tsy ho rangaen-tombom-biby, vaho tsy ho amam-
pimoneñe am-para’ ty efa-polo taoñe. 12 Le hanoeko bangìñe añivo’ o fifeheañe
vahinio ty Mitsraime, naho ho koak’ añivo’ o rova narotsakoo o rova’eo; naho
hampiparatsiaheko añivo’ o kilakila’ ndatio añe o nte-Mitsraimeo naho havitavitako
amo fifeheañeo, 13 le hoe t’IEHOVÀ Talè: Naho modo i taoñe efa-polo rey le hatontoko
boak’ am’ ondaty nampivarakaihako iareo o nte-Mitsraimeo. 14 Le hampibaliheko ty
fandrohizañe i Mitsraime, naho hampoliko mb’an-tane’ Patrose‡ mb’eo, mb’an-tane
fimoneña’ iareo, f’ie ho fifiheañe mireke. 15 Hireke re te amo fifelehañe ila’eo; tsy
hañonjom-batañe ka ambone’ o fifeheañe ila’eo, fa hafotsako tsy hifehea’ iareo o
kilakila’ ndatio ka. 16 Toe tsy ho fiatoa’ ty anjomba’ Israele ka re, hampitiahie’e o
hakeo’eo, ie orihe’ iereo fihaino, fa ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ Talè.
17 Aa ie amy andro valoha’ i volam-baloha’ i taom-paha-roapolo-fito-ambiy, le niheo
amako ty tsara’ IEHOVÀ ami’ty hoe: 18 O ana’ondatio, Nampitoroñe’ i Nebokadnetsare
mpanjaka’ i Bavele fitoroñam-bey amy Tsaore o lahin-defo’eo; songa peake o
añambone’eo naho sindre nivoloseñe o soro’eo; fe tsy nitambezen-dre ndra i lia-
rai’ey ty amy Tsore, amy fitoloñañe nanoe’e ama’ey. 19 Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ
Talè: Ingo, atoloko am-pità’ i Nebokadnetsare mpanjaka’ i Bavele ty tane’ Mitsraime;
le hendese’e o valobohò’eo naho ho kopahe’e o vara’eo, vaho ho rambese’e o hare’eo;

* 29:9 Heb: natao’e † 29:10 Siene; rogoñe; harafelahiañe ‡ 29:14 Patrose: falie lifon-kobo; ho rotsake

zay ty ho tamben-dahin-defo’e. 20 Fa natoloko aze ty tane Mitsraime ty amy fitoloñañe
nitoroña’ey, amy te nitoroñe ahy hoe t’IEHOVÀ Talè.
21 Amy andro zay, le hampitàroke ty tsifa’ i anjomba’ Israeley raho, le hatoloko azo
ty fisokafam-palie añivo’ iareo ao; vaho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ.

## 30

1 Niheo amako indraike ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana’ondatio, mitokia
ami’ty hoe: Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè:
Mangololoiha! Feh’ ohatse ty andro!
3 Antitotse i àndroy,
mitotoke ty andro’ IEHOVÀ,
andro higoboñe;
ty andro’ o kilakila’ ndatio.
4 Hiambotrak’ amy Mitsraime ty fibara,
Fangirifiriam-bey e Kose ao,
ie hitsingoritritse e Mitsraime ao
o zinamañeo,
hasese’ iareo añe o valobohò’eo,
vaho harotsake o faha’eo.
5 Hitrao-pihotrak’ ama’e am-pibara
t’i Kose naho i Pote naho i Lode
naho ondaty mifanamboentamboeñeo
naho i Kobe*,
rekets’ ondati’ i tane mpiama’eio.
6 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ: Songa hikorovoke
ze mpanohañe i Mitsraime,
hipoñake ka ty firengevoha’e
amo haozara’eo,
hampihotrahe’ ty fibara iereo
boak’ am-pitalakesañ’ abo’ i Siene,
hoe t’IEHOVÀ Talè.
7 Ho koaheñe amo fifeheañe
harotsakeo iereo,
vaho hitrao-pijoiañe amo rova
ho joieñeo o rova’eo.
8 Le ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ,
t’ie namiañe afo e Mitsraime ao
naho fonga ho folake o mpañolo’eo.
9 Hionjoñe boak’ amako amy andro zay
ty niraheñe an-tsambo maro
hampangebahebake
o nte Kose manintsiñeo,
le hirevendreveñe manahake
tañ’andro’ i Mitsraime;
fa heheke te ho tondroke.
10 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè,
hajiheko ty valobohò’ i Mitsraime
am-pità’ i Nebokadnetsare
mpanjaka’ i Bavele.
11 Ie rekets’ ondati’eo;
le hendeseñe hampianto i taney

* 30:5 Kobe: Ondaty raike mañohoke Egipte

o maozatse amo kilakila' ndatioo
naho hapontsoa'iareo fibara
t'i Mitsraime,
vaho hañatseke i taney ami'ty vinono.
12 Ho maiheko o sakao,
le hatoloko am-pità'
o tsereheñeo i taney;
vaho ho joieko i taney
naho ze hene ama'e ao
am-pitàn'ambahiny.
Zaho IEHOVÀ ty nitsara.
13 Ty hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè:
Ho fonga joieko o saren-drahao,
hajiheko ka o samposampo' i Nofeo†
tsy ho aman-droandriañe ty
tane' Mitsraime, vaho
hapoko an-tane Mitsraime ty anifañe.
14 Hanoeko bangiñe ty Patrose
le hamiañako afo ty Tsoane‡,
vaho hafetsako amy No ty zaka.
15 Hakofòko amy Sine§ ty fifomboko,
i haozara' i Mitsraimey;
naho haitoako ty valobohò' i No.
16 Hampirehetako afo ty Mitsraime;
hanaintaiñe ty Sine, hitori-anjake ty No,
ho forekekèñe boak' andro t'i Nofe.
17 Hampihotrahem-pibara o ajalahi'
i Avene* naho i Pi-Beseteo†,
vaho hasese añe aman-drohy i rova rey.
18 Hanoeñe maieñe ty andro
e Tapanekese‡ ao
ie hampipozaheko
ty joka' o nte-Mitsraimeo,
naho hijihetse ama'e
ty habohabohan-kaozara'e;
ie hikopaha' ty rahoñe,
vaho hasese am-pandrohizañe añe
o anak'ampela'eo.
19 Zay ty hametsahako zaka
amy Mitsraime;
vaho ho fohi' iereo te Zaho IEHOVÀ.
20 Aa ie amy andro faha-fito' i volam-baloha' ty taom-paha-folo-raik'ambiy, le niheo
amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 21 O ana'ondatio, fa pinozako ty sira' i Parò
mpanjaka' i Mitsraime; le Inao, t'ie tsy nibandieñe amañ' aoly, tsy naholonkoloñe ho
melañe, hahafitam-pibara. 22 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Oniño te hatreatrèko
t'i Parò mpanjaka' i Mitsraime, naho ho pozaheko i sira'ey, i maozatsey, i nifolakey;
vaho havotsoko am-pità'e ty fibara'e. 23 Le hampiparaitaheko amo kilakila' ndatio
o nte-Mitsraimeo, vaho hampiboelèko amo fifeheañeo. 24 Le hampaozareko o sira'

† **30:13** Nofe: papi-tatnele; ze mitsopatsopake ‡ **30:14** Tsoane: fihetseke § **30:15** Sine: rongoñe * **30:17** Avene: hakeo; haozara; vara; anahelo † **30:17** Pi-Besete: akiba 'nahare' ampela Besete ‡ **30:18** Tapanekese: Oniño Ier. 2.16: fañahy

i mpanjaka' i Baveleo, naho hapoko am-pità'e ty fibarako, fe ho pozaheko o sira' i
Paròo, vaho hitretretretre manahake ty fañitoza ondaty fere mitarik' aiñe taolo'eo.
25 Aa le hampaozareko ty sira' i mpanjaka' i Baveley, fe hiradorado ambane o sira'
i Paroo; le ho fohi' iareo te Zaho IEHOVÀ, ie atoloko am-pitàm-panjaka' i Bavele ty
fibarako vaho hatorakitsi'e an-tane Mitsraime. 26 Le habaratsako amo kilakila' ndatio
o nte-Mitsraimeo, naho havarakaiko amo fifeheañeo, vaho ho fohi' iareo te Zaho
IEHOVÀ.

# 31

1 Aa tamy taom-paha-folo-raik'ambiy amy andro valoham-bolam-paha-teloy, le
niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana' ondatio, saontsio t'i Paro
mpanjaka' i Mitsraime naho i volobohò'ey:

Mañirinkiriñ'ama' ia rehe
amo fitoabora'oo?
3 Hehe ty mpanjaka' i Asore ie ni-mendoraveñe e Libanone añe
aman-tsampa'e fanjaka,
amañ'aloke mangonkoñe,
niningoningo nañambone;
nitiotiotse amo tsampañe boda'eo
o lengo'eo.
4 Namahañe aze o ranoo;
nampandigiligy aze mañambone i lalekey;
niariary am-pandia'eo o saka'eo,
nahitri'e mb'amo hene hatae
an-kivokeo o fikararaha'eo.
5 Aa le fonga niandikera' ze hatae
an-kivokey ty haabo'e,
nihamaro o tsampa'eo,
nihalava o tora'eo
ty amo rano'e maroo,
le nampitakare'e mb'eo.
6 Rinare' o hene voron-dikerañeo
amo tsampa'eo o traño'eo,
naho añ'alo' o tora'eo
te niteraha' o bibin-kivokeo o ana'eo,
vaho nitsolok' ambane talinjo'e eo
ty valobohò' o fifeheañe iabio.
7 Nihamim-batan-dre amy hara'elahi'ey,
ami'ty fandrevaha' o tsampa'eo,
amy te nahatakatse rano maro o vaha'eo.
8 Tsy nanaroñe aze o mendorave
an-golobon' Añahareo,
tsy nanahake o tora'eo o akaoo,
vaho tsy nañirinkiriñe o tora'eo
ty nonoke;
leo hatae raik' an-golobon'Añahare ao
tsy nihambañe amy ha'fanjàka'ey.
9 Zaho ty nampitsomerentsereñ' aze,
ami'ty fandrevaha' o ra'eo;
vaho sindre nitsikirìk' aze
ze hatae Edene ao,
an-golobon' Añahare ao.

[10] Aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: amy t’ie nañonjom-batañe añ’abo ey naho
nampiningonigoetse mb’an-drahoñe ey ty lengo’e, vaho nirengevoke ty arofo’e ami’ty
fitoabora’e; [11] le fa natoloko am-pità’ i maozatse amo kilakila’ ndatioy; ie ty hiatreatre
aze; amy t’ie fa finirako ambane ty amo haloloa’eo. [12] O ambahinio, ty maozatse amo
kilakila’ndatio, ty hañatsak’ aze naho hapo’e eo; hideboñe amo vohitseo o tora’eo,
naho amo vavataneo, naho hipozake marine o saka’ i taneio o ra’eo; le hisitak’ amy
talinjo’ey ze hene ondati’ ty tane toy, vaho haforintseñe. [13] Hidoñe amy firotsaha’ey
ze kila voron-dikerañe, vaho ho amo tsampa’eo ze hene bibin-kivoke, [14] soa te
tsy ho amo hatae añ’olon-dranoo ty hionjom-batañe ty amy haandikera’ey, ndra
hampitiotiotse o tsampa’eo ambone’ o bodan-tora’eo, naho tsy hitroatse hijoalajoala
añivo’ o ra’eo ze hene mpikama rano; fonga hatolotse am-pihomahañe iereo, pak’an-
tsikeokeo’ ty tane toy añivo’ o ana’ondaty fa nigodañe an-kiborio.
[15] Aa hoe t’IEHOVÀ Talè; Amy andro nizotsoa’e mb’an-tsikeokeok’ aoy, le nam-
pandalako; nakopoko ho aze i lalekey, naho sinebako o fisorotombaha’eo, le hene
nijihetse o ranoo; le nihontoke ho aze t’i Libanone, vaho fonga nitoirañe o hatae
an-kivokeo. [16] Nampihondrahondraeko o kilakila’ ndatio ami’ty feom-pideboña’e,
ie navokovokoko an-tsikeokeok’ ao hitraofa’e amo mizotso mb’an-koboñeo; naho
nohòñeñe o hene hatae Edeneo, naho o fanjàka amo hatae e Libanoneo; ze hene
mpisì-drano, an-tsikeokeo’ ty tane toy ao. [17] Nitrao-pizotso ama’e mb’an-tsikeokeoke
mb’eo o zinamam-pibarao; naho o nimpitàm-pialia’eo, o nimoneñe ambane’ i
talinjo’ey añivo’ o kilakila’ ndatioo. [18] Ia arè ty añirinkiriña’o an-drenge naho ami’ty
hajabahina’o añivo’ o hatae Edeneo? F’ihe ho firaeñe rekets’ o hatae Edeneo, homb’
an-tsikeokeo-ty tane toy ao; hàndre añivo’ o tsy sinavatseo, mindre amo zinamam-
pibarao. Zay ty amy Parò naho ondati’e iabio, hoe t’IEHOVÀ Talè.

# 32

[1] Aa ie amy androm-baloha’ ty volam-paha-folo-ro’ ambi’ i taom-paha-folo-roe-
ambiy, le niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ manao ty hoe: [2] O ana’ondatio, ampionjono
bekom-pandalàñe t’i Parò mpanjaka’ i Mitsraime le ano ty hoe,
Hambañe ami’ty liona tora’e
añivo’ o kilakila’ ndatio rehe,
naho manahake ty trozoñe an-driak’ ao,
ie nitsititiak’ amo saka’oo,
naho nitsoborè’o am-pandia o ranoo,
vaho linoto’o o fitsiritsioha’eo.
[3] Aa hoe ty nafè’IEHOVÀ Talè:
Ami’ty firimboñam-pifokoañe maro
le halafiko ama’o ty harato,
vaho hampionjoneñe
an-karatoko boak’ ao.
[4] Le hafetsako an-tamboho eo,
naho havokovokoko an-kivoke eo,
hampivotraheko ama’o
o voron-dikerañeo,
vaho ho vontsiñeko ama’o iaby
ze kila bibi’ ty tane toy.
[5] Le hapoko amo haboañeo ty nofo’o,
naho ho liporeko ami’ty haleora’o
o vavataneo.
[6] Ho tondrahako amo lio’o
midoandoañeo i tane ilañoa’oy,
pak’ am-bohitse ey;

vaho ihe ty hibanara’ o sakao.
7 Aa ie nampimongoreko,
ho kolopofako i likerañey
naho hanoeko maieñe o vasia’eo;
ho saroñeko rahoñe i àndroy,
vaho tsy hañomey ty hazavà’e i volañey.
8 Hampimoromoroñeko ze hene hazavàñe
mireandreañe an-dikerañe ey ty ama’o,
vaho hapoko an-tane’o ao ty ieñe,
hoe t’IEHOVÀ Talè.
9 Hampilonjereko ty arofo’ ondaty maro, ie hafetsako amo kilakila’ ndatio ty
firotsaha’o, amo fifeheañe mboe tsy fohi’oo. 10 Vaho hampilatsàko ty rofòko
maro, hampangebahebaheñe ty ama’o o mpanjaka’eo, ie ahelahelako aolo’ iareo
eo ty fibarako, ie hitolom-pihondrahondra, songa hirombak’ aiñe, amy andro
hikorovoha’oy. 11 Aa hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Hiambotrak’ ama’areo ty fibaram-
panjaka’ i Bavele. 12 Ty fibara’ o fanalolahio ty hampihotrako ondati’oo; songa
lahitsiay amo kilakila’ ndatio;
Ho rotsahe’ iareo
ty firengevoha’ i Mitsraime,
vaho kila haitoañe i valobohò’ey.
13 Ho fonga zamaneko o hare’eo
boak’ amo rano’e maroo;
le lia’e tsy ho lotoem-pandia’ ondaty
ndra hòtrom-biby.
14 hampidreteko o saka’eo,
hampitsiritsioheko hoe menake
o toraha’eo,
hoe t’IEHOVÀ Talè.
15 Ie hampangoakoaheko ty tane’
i Mitsraime,
ho tavaneñe añe ty havokara’ i taney,
naho lafaeko iaby o mpimoneñeo,
le ho fohi’ iereo te Zaho IEHOVÀ.
16 Zay i bekom-pandalàñey le ho saboe’ iereo; ho saboe’ o anak’ ampela’ o kilakila’
ndatio, vaho ho bekoe’ iereo amy Mitsraime naho amo valobohò’e iabio, hoe t’IEHOVÀ
Talè.
17 Ie amy androm-paha-folo-lim’ ambi’ i volañeiy amy taom-paha-folo-roe ambiy,
le niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ, manao ty hoe: 18 O ana’ ondatio, mibekoa amy
valobohò’ i Mitsraimey le afetsaho ambane, mb’an-tsikeokeoke mb’eo, ie naho o
anak’ampela’ o fifeheañe maozatseo, hitraofa’e amo migodañe an-koboñeo.
19 Ia ty andikoara’o ami’ty
hamontramontra’o?
Mizotsoa rehe, hampipololorañe
amo tsy nisavareñeo.
20 Hikorovok’ añivo’ o zinamam-pibarao iereo; natolotse amy meso-lavay; endeso
mb’etoy re naho ze hene ondati’ e. 21 Hisaontsy ama’e naho amo mpañolots’ azeo ty
maozatse amo fanalolahy boak’ an-Tsikeokeokeo ami’ty hoe: fa nigodañe ao iereo,
mitsalalampatse amo tsy nisavareñeo, vinonom-pibara.
22 Ao ty Asore naho o mpirai-lia’e iabio; miarikoboñe aze o kibori’eo; kila zamañe,
tsiningorom-pibara; 23 an-tsikeokeo’ i koboñey o kibori’ iareoo. Mandre mañohoke o

kibori’eo o mpirai-lia’eo. Fonga mifitak’ ao o lahin-defo’eo. Fa zinamañ’an-kotakotak’
ao, ie nañembañ’ ondaty an-tane o veloñeo.
24 Ao t’i Elame* rekets’ o fonga lahin-defo’eo miarikoboñe i kibori’ey. Songa
vinono, nampikorovohem-pibara, nigodañe ambane tane ao o tsy nisavareñeo.
Nampirevendreveñe’ iereo ondaty an-tanen-kaveloñeo, f’ie mitrao-kasalarañe amo
nigodañe an-koboñeo henaneo. 25 Nandranjiam-pandreañe t’i Elame añivo’ o
navetrakeo rekets’ i valobohò’ey. Fonga mañohok’ aze eo o kibori’eo, songa tsy
nisavareñe, linihim-pibara ty amy fangebahebaha’ iareo ondaty an-tanen-kaveloñey.
Aa le vavè’ iareo ty hameñarañe mindre amo mizotso an-koboñeo, ie napok’ an-
teñateña’ o nikoromakeo.
26 Ao t’i Meseke Tobale vaho o valobohò’eo; sindre arikatohe’ o kibori’eo, songa
tsy nisavareñe, zinamam-pibara ie nampivorombelo’ ondaty an-tanen-kaveloñe ao.
27 Toe tsy hitrao-pandreañ’ amo fanalolahy nitsingoritritse amo tsy nisavareñeoo
iereo, o nigodañe an-Tsikeokeok’ ao rekets’ o fialia’ eoo naho miondam-pibara
ambane’ o añambone’eo, ie amo taola’eo o hakeo’eo ami’ty nampitsololoha’ iareo
ondaty an-tane o veloñeo. 28 Hete! ho folaheñe an-teñateña’ o tsy nisavareñeo rehe
vaho hipololotse amo zinamam-pibarao.
29 Ao t’i Edome, naho o mpanjaka’eo, vaho o roandria’eo; songa mandre amo
binaibaim-pibarao rekets’ o haozara’eo; hitrao-pitsalalampatse amo tsy nisavareñeo,
o fa nigodañe an-koboñeo.
30 Ao ka o roandria’ tavaratseo, ie iaby, naho ze hene nte-Tsidone, ze fa nigodañe
mañambane añe mitraok’ amo zinamañeo naho ami’ty fangebaheba’ iareo, salatse
iereo amo haozara’eo; mandre ami’ty tsy fisavara’ iereo ao rekets’ o zinamam-
pibarao, mivave o fisalara’eo mindre amo migodañe mb’an-koboñeo. 31 Hahaisake
iareo t’i Parò ie hampitsiñeñe amy valobohò’ey; eka, i Parò naho o fonga lia-rai’eo
songa binaibaim-pibara, hoe t’IEHOVÀ Talè. 32 Amy te nitsitsifeko an-tanen-kaveloñe
ao ty fangetraketraha’e, le handre añivo’ o tsy nisavareñeo amo zinevom-pibarao t’i
Parò naho i valobohò’ey, hoe t’IEHOVÀ Talè.

# 33

1 Niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ manao ty hoe: 2 O ana’ ondatio, misaontsia amo ana’
ondati’oo vaho ano ty hoe: Naho endesako fibara i taney, naho mangalake ondaty
boak’ amo efe’eo, ondati’ i taney, naho hajadoko ho mpijilo’ iareo; 3 le ie oni’e te
miheo mb’amy taney mb’eo i fibaray, ho tiofe’e i antsivay hitalily am’ondatio, 4 le
ndra ia ia mahajanjiñe ty fipopò’ i antsivay fe tsy mañaoñe i hatahata’ey; vaho
maniotse aze añe ty fitorotosi’ i fibaray, le ho ama’e ty lio’e. 5 Jinanji’e ty feo i
antsivay fe tsy hinao’e i hatahatay; ho ama’e i lio’ey, ie ho nandrombak’ay te hinao’e
i hatahatay. 6 Aa naho oni’ i mpijiloy te miheo mb’eo i fibaray fe tsy tiofe’e i antsivay
le tsy hatahataeñe ondatio, aa naho asiom-pibara t’indaty boak’am’ iereo ao, le
hendeseñe ty amo tahi’eo indatiy; fe ho paiako am-pità’ i mpijiloy ty lio’e.
7 Ihe, ry ana’ ondatio, ty najadoko ho mpijilo i anjomba’ Israeley; aa le ho janjiñe’o
ty taroñem-bavako vaho ho hatahatae’o ty amako iereo. 8 Aa naho volañeko i lo-
tserekey ty hoe, O ty lo-tsereke tia, toe havetrake rehe; aa naho tsy hatahatae’o i
lo-tserekey ty amo sata-rati’eo, le hivetrake amo hakeo’eo re, fe ho paiako am-pità’o
ty lio’e. 9 Aa naho talilie’o* i lo-tserekey o sata-rati’ eo, hibalintoa’e, fe tsy ambohoa’e
i sata’ey, le hikenkañe amo tahi’eo, fe ho rinomba’o ka ty fiai’o.
10 Aa ihe ry ana’ondatio, misaontsia amy Anjomba’ Israeley: Le ano ty hoe: Hoe
nahareo: Amantika o fiolàñe naho tahin-tikañeo, le fa mampinike an-tika. Aa

* 32:24 Elame: ajalahy; ampela miehañe; tsiko * 33:9 Fft 2:17, 3:4, Iek 3:18-21, 18:20-30

vaho akore arè ty hiveloman-tika? 11 Ano ty hoe am'iereo: Kanao velon-dRaho,
hoe t'IEHOVÀ Talè, Tsy mipay ty fikoromaha' o lo-tserekeo raho, fa t'ie hibalintoa
amo sata'eo ho veloñe; mitoliha arè, mibalintoaña amo sata-rati' areoo, fa ino ty
hihomaha' areo ry anjomba' Israeleo? 12 Tovoño ty hoe, Ry ana' ondatio, ano ty
hoe o ana' ondati'oo; Tsy haharombake ty vaño ty havañona'e amy andro iolà'ey;
naho tsy hahatsikapy ty lo-tsereke i halò-tsere'ey amy andro ifotera'ey; vaho tsy
hahaveloñe i vañoñey ty havañona'e amy andro andilara'ey. 13 Ie anoeko ty hoe i
vañoñey, Toe ho velon-drehe; fa iatoa'e i havañona'ey vaho mandilatse, le tsy ho
tiahy i hamarentane'ey; fa i hakeo nanoe'ey, ty hihomaha'e. 14 Aa naho hataoko ty
hoe i lo-tserekey: Tsy mete tsy hikoromake rehe; le ie mibalintoa amo tahi'eo, naho
manao ty fahiti'e naho ty havantañañe, 15 naho avaha' i lo-tserekey i natsoa'ey, naho
ampolie'e i nikamere'ey naho añaveloa'e o fañèn-kaveloñeo vaho tsy mandilatse
ka, le toe ho velon-dre, fa tsy hikoromake. 16 Leo raik' amo hakeo nanoe'eo tsy
hivoliliañe. Fa nanoe'e i havañonañey naho i havantañañey, le ho velon-dre.
17 Fa hoe o ana-dahi' ondati'oo, Tsy mahity ty sata' i Talè; toe i sata' iareoy ty
tsy mahity. 18 Naho miamboho amy havañona'ey ty vañoñe naho manao hakeo,
le hivetrake. 19 Naho mibalintoa amo sata-rati'eo ty lo-tsereke, vaho manao ty
havantañañe naho ty havañonañe; le ho velon-dre. 20 Fa anoe' areo ty hoe, Tsy
vantañe ty lala' i Talè. Ry anjomba' Israele, Ho zakaeko nahareo, songa ty amo
sata'eo.
21 Aa amy andro faha-lime' i volam-paha folo' i taom-paha-folo-ro' ambi' i
fandrohiza'aiy, le niheo amako ty nahapolititse am' Ierosalaime, le nanoa'e ty hoe,
Fa rotsake i rovay. 22 Toe tamako ty fità' IEHOVÀ amy haleñe aolo' ty nivotraha'
i nipolititsey, nanokake ty vavako aolo' t'ie nipok' amako amy maraiñey; aa le
nisokake ty vavako le tsy nimoañe ka.
23 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 24 O ana' ondatio, hoe ty saontsi'
ondaty mimoneñe an-dratraratra' Israele ao, Raike t'i Avrahame, le nifanaña'e i
taney, fe maro tikañe, vaho natolotse an-tika ho fanañañe i taney. 25 Aa le isaontsio
ty hoe, Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Fikamà' areo ty raha aman-dio naho fiandrà' areo
o samposampo' areoo, vaho mampiori-dio; aa ho fanaña' areo hao i taney? 26 Ie
miato amy fibara' areoy, mikitro-draha raty, vaho songa mandeotse ty tañanjomban-
drañe'e; aa vaho ho hanaña' areo hao i taney? 27 Isaontsio ty hoe: Inao ty nafè'
IEHOVÀ Talè: Kanao velon-dRaho, toe ho tsingoroem-pibara o an-dratraratrao, le ho
fahanako o bibio hampibotseke ty an-kivok' ao, naho hampivetrahe' ty angorosy o
an-kijoly vaho an-dakatoo. 28 Fa hanoeko ratraratra naho bangìñe i taney, le hijihetse
ty firengevoha' i haozara'ey; le ho koake ty vohi' Israele, tsy ho amam-piranga. 29 Le
ho fohi' iereo te Zaho IEHOVÀ, naha-bangiñe naho ratraratra i taney ty amo haloloañe
nanoe' iereoo.
30 Aa ihe, ry ana' ondatio, Mbe mifosa azo marine' o kijolio naho an-dala' o
anjombao o ana-dahi' ondati'oo, sambe mivesoveso an-drahalahi'e ty hoe: Antao
ito hijanjiñe ty tsara aboak' IEHOVÀ. 31 Aa le hiropak' ama'o hoe firimboña' ondaty
hiatrek' azo ondatikoo naho ho janjiñe' iereo o saontsi'oo, fe tsy hanoe' iereo; amy
te mitsiriry avao o falie'eo, naho mañorike ty fitsikiriha' iareo o tro'eo. 32 Ingo
manahake te mpibekom-pikokoañe am' iereo rehe, talango-am-peo, mahafititike
marovany; toe tsendreñe' iareo o saontsi'oo, fe tsy hanoe' iereo. 33 Aa ie mifetsake
zay; (heheke te ho tondroke), le ho fohi' iereo te tañivo' iareo ao ty mpitoky.

# 34

1 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana' ondatio; mitokia amo
mpiarak' añondri' Israeleo, mitokia ty hoe amo mpiarakeo, Hoe ty nafè' IEHOVÀ

Talè: Hankàñe amo mpiarak'añondri' Israeleo*, ie mamaham-batañe avao! tsy ho
fahana' o mpiarak' añondrio hao o lia-rai'eo? 3 Riote' areo ty ronono'e, sikina' areo
o volon-añondrio, lentà' areo o vondrakeo; fe tsy fahana' areo i lia-raikey. 4 Tsy
ampaozare' areo ty maleme, naho tsy ampijangañeñe ty marare, naho tsy bandie'
areo ty folake, naho tsy ampoli' areo i nandifikey, vaho tsy paia' areo i nimotsoy;
te mone fisengean-kery naho fampisoañañe ty fifeleha' areo, 5 ie mibarakaik' añe
fa tsy amam-piarake; aa le fitsindro' o bibin-kivokeo henaneo amy t'ie nibaratsake.
6 Nirereke o añondrikoo, nirererere amo vohitse iabio, naho amo hene haboañeo;
songa nibarakaik' ambone' ty tane toy i lia-raikoy, vaho tsy teo ty nipay ndra nitsoeke.
7 Aa le janjiño ty tsara' IEHOVÀ ry mpiarake; 8 Kanao velon-dRaho hoe t'IEHOVÀ Talè,
amy te ninjare fitsindrohañe i lia-raikoy, fihinana' ze biby an-kivok' ao, ie tsy amam-
piarake; tsy pinai' o mpiarakeo i lia-raikoy, fa namaham-batañe o mpiarakeo, le tsy
finaha' iareo i lia-raikoy; 9 inao arè, ry mpiarakeo, janjiño ty tsara' IEHOVÀ. 10 Hoe
ty nafè' IEHOVÀ Talè: Oniño te atreatrèko o mpiarakeo; le ho paiako am-pità' iareo i
lia-raikoy naho hazìko tsy ho mpamahañe i lia-raikoy ka; vaho tsy hamaham-batañe
ka o mpiarakeo; fa ho hahako am-palie' iareo i lia-raikoy, tsy ho fitsindroke.
11 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè; Inao, etoan-dRaho, ho paiako o añondrikoo, toe ho
kodabaeko. 12 Hambañe ami'ty fitsoeha' ty mpiarake i lia-rai'ey ami'ty andro maha-
añivo' o añondri'e nifampiriariao, ty hidabadabaeko o añondrikoo handrombahako
iareo amy ze hene toetse nibaratsaha' iareo an-kopok' andro migoboñey. 13 Le
hampoliko boak' amo kilakila'ndatio iereo naho hatontoko boak' amo fifelehañeo
naho haseseko mb'an-tane' iareo ao vaho handrazeko amo vohi' Israeleo, marine'
o sakao naho amy ze fonga kialo amy taney ao. 14 Ho fahanako am-piandrazañe
maindoñe, naho ho golobo' iareo o haboa' Israeleo; ao ty handrea' iareo an-goloboñe
soa; naho añ' ahetse vokatse; amo vohi' Israeleo ty hiandraze' iereo. 15 Ho fahanako
i lia-raikoy vaho hampàndreko, hoe t'IEHOVÀ Talè. 16 Ho tsoeheko o nandifikeo, naho
hampoliko indraike o rinoakeo naho ho bandieko ze nifolake vaho hampaozareko o
nisilokeo, fa ho rotsaheko o vondrakeo naho o maozatseo, vaho hifahanako zaka.
17 Aa naho inahareo, ry lia-raiko, hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Inao, t'ie hizaka añivo'
ty lia-raike naho ty lia-raike, vaho añivo' ty añondri-lahy naho ty ose-lahy. 18 Atao'
areo ho minjilite'e hao te nihàne' areo ty fiandrazañe soa, vaho nilialià' ty tombo'
areo ty sisa' i fiandrazañey? le ie ninon-drano mitoratsike ro nandeotse ty sisa' i
ranoy an-tombo' areo? 19 Aa le mihinañe o nilialian-tombo' areoo o añondrikoo,
vaho minoñe amo nileoren-tombo' areoo.
20 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè am' iereo: Inao! Izaho le Zaho avao ty hizaka
añivo' o añondry vondrakeo naho o añondry boròkao; 21 amy te naronje' areo ami'ty
ila'o naho an-tsoro'o, naho dinodo' areo an-tsifa am-para' te nabaratsa'o mb'alafe
añe. 22 Ho rombaheko i lia-raikoy, naho le lia'e tsy ho fitsindrohañe ka; ie hizaka
añivo' ty añondry naho ty añondry. 23 Le hampitroareko ty mpiarake hifehe iareo, le
ho razañe'e, ty mpitoroko Davide zay; ie ty hiarake, ie ty ho mpiara' iareo. 24 Zaho
IEHOVÀ ty ho Andriananañahare' iareo, vaho i mpitoroko Davidey ty ho roandria' iereo;
Zaho IEHOVÀ ty nitsara.
25 Hampijadoñeko fañinam-pañanintsiñe iereo, vaho haziko alafe' i taney añe o
biby maolao; ie hiaiñañoleñañe am-patrambey ao naho hiroro añ'ala ao. 26 Le
hitolorako fitahiañe naho toetse mañohoke i vohikoy, hampahaviako an-tsa'e ty
orañe naho ty oram-pañanintsiñe. 27 Hamoa voa o hatae an-goloboñeo, naho
hañakatse ty havokara'e ty tane, hierañerañe an-tane'e ao iereo vaho ho fohi' iereo
te Zaho IEHOVÀ, ro nampibarabijo ty talirandran-joka' iareo naho nampipitsoke iareo
am-pità' o nañondevoo. 28 Ie le lia'e tsy ho' fitsatsà' o kilakila' ndatio ka naho

* 34:2 Iir 10:21

tsy habotse’ o bibin-taneo; te mone hiaiñañoleñañe, vaho tsy eo ty hañembañe.
29 Hampitiriako ty hatae maro-tea; ie tsy ho mongore’ ty kerè an-tane ao ka, vaho, ie
tsy hivave ty hasalara’ o kilakila’ ndatio. 30 Ho fohi’ iereo te IEHOVÀ Andrianañahare’
iareo raho, ty mpañimba’ iareo; toe ondatiko i anjomba’ Israeley, hoe t’IEHOVÀ
Talè. 31 Inahareo, ry añondriko, ry lia-raim-piandrazeko, toe ondaty, le Zaho ro
Andrianañahare’ areo, hoe t’IEHOVÀ Talè.

# 35

1 Mboe niheo amako ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana’ ondatio, atrefo ty vohi-
tSeire vaho itokio, 3 ami’ty hoe: Hoe ty tsara’ IEHOVÀ Talè: Ry Vohi-tSeire, atreatrèko
rehe, vaho hatorakitsiko ama’o ty tañako hampangoakoahako azo ho tane bangý.
4 Fonga ho rotsaheko o rova’oo le ho vahiny rehe vaho ho fohi’o te zaho IEHOVÀ; 5 amy
t’ie nitan-keloke nainai’e naho nanolotse o ana’ Israeleo ami’ty haozaram-pibara amy
andron-kekoheko’ iareoy, amy sam-pigadoñan-kaloloañey; 6 kanao velon-dRaho hoe
t’IEHOVÀ Talè, le hañentseñako lio, hañoridañe azo ty lio; toe niheje’o ty lio’o, vaho
lio ro hañotioty azo. 7 Le hampangoakoaheko naho ho babangoañeko t’i Seire, vaho
haitoako ama’e ty miranga naho ty mimpoly. 8 Hatsefeko zamañe o vohi’eo, an-
kaboa’o ey naho am-bavatane’o ao; vaho an-tsaka’o iaby ao ty hikorovoha’ o zinevom-
pibarao. 9 Hampangoakoaheko nainai’e naho tsy hatroatse ka o rova’oo; vaho ho
fohi’o te Zaho IEHOVÀ.
10 Amy te ihe nanao ty hoe, Ho ahiko i fifelehañe roe rey naho i tane roe rey, ho
tavane’ay; fe tao t’IEHOVÀ. 11 Aa kanao velon-dRaho hoe t’IEHOVÀ Talè, le ho toloñeko
amy haviñerañe naho amy fikirañañe nitoloña’o an-karafelahiañey, vaho ho fohi’
iereo te zaho ty nizaka azo. 12 Le ho fohi’o te Zaho IEHOVÀ ty nahatsanoñe ty fifosa
nanoe’ areo amo vohi’ Israeleo ami’ty hoe: Kanao nengañe bangiñe, le natolotse
antika habotseke. 13 Niebotsebotse amako am-bava rehe, vaho nampitoabore’o
rehake; hene tsinanoko. 14 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Toly ndra hirebeke ty tane-
bey toy naho koaheko rehe, 15 manahake ty nirebeha’o amy lovan-anjomba’ Israeley,
t’ie nangoakoake; zay ka ty hanoako azo; ho bangìñe ka rehe, ry Vohi-Seire, naho i
Edome iaby, eka ie iabike; vaho ho fohi’ iereo te Zaho IEHOVÀ.

# 36

1 O ana’ondatio, Itokio ami’ty hoe o vohi’ Israeleo: O ry vohi’ Israeleo, janjiño
ty tsara’ IEHOVÀ. 2 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Kanao nanao ty hoe ty ama’o i
rafelahiy: Hede! fa amantika o haboañe haehaeo; 3 Le itokio ami’ty hoe: Hoe ty nafè’
IEHOVÀ Talè: Amy t’ie nampangoakoahe’ iereo naho nagedra’ iereo añ’ ila’o iaby
soa te ho fanaña’ o kilakila’ ndaty p, naho fa rinambem-pivimbim-pitolom-bolañe
vaho nifosae’ ondatio; 4 ie amy zao, ry vohi’ Israele, janjiño ty tsara’ IEHOVÀ Talè:
Hoe t’IEHOVÀ Talè amo vohitseo naho amo haboañeo, amo sakao, amo vavataneo,
amo mangoakoakeo naho amo tane babangoañeo vaho amo rova naforintseñeo, ie
fitsindroha’ o sehangan-kilakila’ ondaty mañohok’ azeo, 5 aa le inao ty nafè’ IEHOVÀ
Talè: Toe nivolañeko ami’ty afom-piforoforoam-pamarahiako o kilakila’ondaty ila’eo
naho i Edome iaby, o nitavañe i taney ho aze an-kafalean-troke iabio, ami’ty
firengevoham-pañiria’e, hanifike aze añe ho tsindrokeo. 6 Aa le mitokia mb’an-tane’
Israele naho misaontsia amo vohitseo naho amo haboañeo naho amo sakao vaho
amo vavataneo, ty hoe: Inao ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Ingo te nivolañe am-parahy
naho foroforo raho ty amy hasalarañe nifeaha’o vave, 7 aa le hoe ty nafè’ IEHOVÀ
Talè: Fa nañonjon-tsirañe Raho, toe hivave ty hasalara’e o kilakila’ndaty mañohok’
anahareoo.
8 Inahareo ka, ry vohi’ Israeleo, habarabijo’ areo o tsampa’o naho o voka’eo le
mamokara ho am’ondatiko Israeleo, ie antitotse te hitotsak’eo. 9 Ingo fa Mpiama’

areo raho, naho hitolihako le ho trabaheñe vaho tongiseñe, 10 le hampitomboeko
ama' areo t'ondaty, i hene anjomba' Israeley, eka ie iaby; vaho songa himoneñañe o
rovao, le hamboareñe o haran-koakeo. 11 Hampitomboeko ama'areo ty ondaty naho
hare, hiraorao naho hangetseketseke; naho hampimoneñako manahake i tama'areo
haehaey, naho hanoeko soa te am-pifotora' areo, vaho ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ.
12 Hampañaveloeko ama' areo t'indaty, toe ondatiko Israeleo, le ho fanaña' iareo,
ho lova' iareo vaho tsy hampirovete'o anake ka henane zay. 13 Inao ty nafè' IEHOVÀ
Talè: Amy t'ie manao ty hoe; Mampibotseke ondaty rehe vaho nampihontofe'o o
fifehea'oo, 14 aa le tsy hampibotseke ondaty ka rehe, vaho tsy hampandalà'o ana-
dahy ka o fifehea'oo, hoe t'IEHOVÀ Talè. 15 Mbore tsy hampijineko azo ka ty hasalara'
o kilakila' ndatio naho tsy ho vavè'o ty inje' ondatio vaho tsy hampitsikapie'o ka o
fifehea'oo, hoe t'IEHOVÀ Talè.

16 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe, 17 O ana' ondatio, Fa
nileore' o sata'eo naho ty fitoloña' iareo i anjomba' Israele mimoneñe an-tane' iareoy;
niatrek' ahy hoe fandeoran' ampela am-piambolañe ty sata' iareo. 18 Aa le nadoako
am' iereo ty fifomboko ty amo lio nampiorihe' iereo an-taneo, naho o samposampo
nanivà' iareo azeo; 19 le nabaratsako amo kilakila' ondatio vaho niparaitak' amo
fifeheañeo; o sata'iareoo naho o fitoloña'iareoo ty nizakako iareo. 20 Aa ie nimoak'
amo kilakila' ndatio, le tiniva' iareo i añarako masiñey; ie nanoa' ondatio ty hoe,
Ondati' IEHOVÀ iretoañe, ie fa nienga i tane'ey. 21 Aa le nitretrezeko i añarako masiñe
nitivae' i anjomba' Israeley amo kilakila'ndaty nañaveloa'eoy.

22 Aa le saontsio ty hoe i anjomba' Israeley, Inao ty nafè' IEHOVÀ Talè: Tsy ty ama'
areo ty anoako zao, ry anjomba' Israeleo, fa ty amy añarako masiñe tiniva' areo
añivo' o kilakila'ndaty nañaveloa' areoo. 23 Le ho masiñeko i añarako ra'elahiy,
i tiniva' areo añivo' o kilakila' ndatioy, i vineta' areo anteñateña' iereoy; vaho ho
fohi' o kilakila'ndatio te Zaho IEHOVÀ, hoe t'IEHOVÀ Talè, naho avahe' areo añatrefam-
pihaino' iareo eo raho. 24 Le ho rambeseko amo kilakila'ndatio nahareo, naho
hatontoko boak' amy ze hene fifelehañe, vaho ho enteko mb'an-tane' areo mb'eo.
25 Le ho fitsezako rano malio, naho halio amo haleora' areo iabio, vaho ho lioveko
amo samposampo' areoo. 26 Ho tolorako arofo vao nahareo, naho hampizilihako
troke vao; naho hafahako am-pañova' areo ao i troke mamàtoy, vaho ho tolorako
arofo nofotse. 27 Aa le hajoko ama' areo t'i Troko* naho hampañoriheko o lilikoo soa
te hambena' areo o fañèkoo, hitoloña' areo. 28 Le himoneña' areo i tane natoloko
aman-droae' areoy naho ho ondatiko nahareo vaho ho Andrianañahare' areo raho.
29 Ho votsorako amo haleora' areoo; naho ho tokaveko i ampembay hamokara'e vaho
tsy halamako ama' areo ty hasalikoañe. 30 Hampiregoregoeko ka o voan-kataeo, naho
ty havokara' o tetekeo, tsy hinjè' ty kerè ka nahareo añivo' o kilakila' ndatio. 31 Ho
tiahi' areo amy zao o sata-rati' areoo naho o fitoloñañe tsy vokatseo, vaho ho heje'
areo vintañe am-pahaoniña' areo eo ty fiai' areo ty amo hakeo naho haloloa' areoo.
32 Tsy ty ama' areo ty anoako zay, hoe t'IEHOVÀ Talè, maharendreha; mimeñara naho
misalara amo sata' areoo, ry anjomba' Israeleo.

33 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: amy andro nañaliovako anahareo amo fonga tahi'
areooy, fa hampimoneñako o rovao, vaho hamboareñe o tane hoakeo. 34 Ho
rokafeñe i tane bangiñey, ie napoke ho ratraratra amo mpiary azeo; 35 ie nanoeñe
ty hoe: Nihambañe an-tane Edene ty tane liolio toy taolo; vaho ni-fatratse i rova
mangoakoake naho bangiñe reroañe. 36 Le ho fohi' o kilakila' ndaty nengañe
mañohok' anahareoo te Zaho IEHOVÀ ty namboatse o niantoo, vaho nambole i
niliolioy; Zaho IEHOVÀ ty nitaroñe, Zaho ty hitoloñe.

* **36:27** Iek 11: 19-20, 37:14, Iir 31:32, Rzs 1:23, Lke 11:13, Rom 8:14-16, Gal 5:22,23, Pe I 1:2, Jn I 3:24

37 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Zay ty hitsoeha' i anjomba' Israeley t'ie hitoloñe, le ho
maroeko hoe lia-raike. 38 Manahake o añondry miavakeo, o añondry an-tsabadidam-
pitalahoa' Ierosalaimeo, ty hanitsifañe lia-rai' ondaty o rova hoakeo; vaho ho fohi'
iareo te Zaho IEHOVÀ.

## 37

1 Tàmako amy zao ty fità'IEHOVÀ, le nendese'e an-Tio' IEHOVÀ vaho navotra'e añivo'
ty vavatane lifo-taolañe, 2 le nampañariarie'e mb'eo mb'eo am' iereo ao, le nizoeko
te maro ty ambone' i taney vaho nivata'e maike. 3 Le hoe re amako, O ana'ondatio,
mete ho veloñe hao o taolañe reo? Le hoe ty natoiko: Ihe ry IEHOVÀ Talè ro
maharofoanañe.
4 Le hoe re amako: Mitokia amo taolañeo, ami'ty hoe: O ry taola-maikeo, Inao
ty tsara' IEHOVÀ. 5 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè amo taolañe retoañe: Inao! t'ie
hampizilihañe tioke vaho ho veloñe; 6 le hapetako ama' areo ty lahin-ozatse naho
handafihako nofotse, naho hasaroko holitse naho hajoko ama' areo ao ty kofòke, le
ho veloñe, vaho ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ.
7 Toe nitokiako amy nandiliañe ahiy, aa naho nitoky, inay ty feo, hehe te
nikarankaràñe vaho nifamitrañe o taolañeo, taolañe ami'ty taolañe. 8 Ie nenteako,
hehe te aman-dahin-ozatse, naho nipetak' am' iereo ty nofotse vaho nisaroña' ty
holitse f'ie mboe tsy aman-kofòke. 9 Le hoe re amako, Mitokia amy tiokey; itokio ry
ana' ondatio, vaho ano ty hoe i tiokey, Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Mb' etoa boak' amo
tioke efatseo, ry Tioke, le mikofoha amo zinamañe reo, ho veloñe. 10 Aa le nitokiako
amy namantoha'e ahiy, naho nizilike am'iereo ao ty tioke nahaveloñe vaho nitroatse
am-pandia'e ty lian-dahin-defoñe mitozantozañe. 11 Le hoe re amako, O ana'ondatio,
Toe o anjomba' Israele iabio o taolañeo; Heheke, hoe iereo, fa mikàntañe o taola'aio,
naho motso ty fitamà'ay, vaho vata'e naitoañe. 12 Aa le itokio ami'ty hoe; Hoe ty
nafè' IEHOVÀ Talè, Heheke ondatikoo, manokake o kibori' areoo raho vaho hakareko
an-kibori' areo ao, mb'an-tane' Israele mb'eo, 13 le ho fohi' areo te Zaho IEHOVÀ, ie
sokafeko o lona' areoo, ry ondatikoo, naho akareko boak'an-kibori' areo ao, 14 naho
hakofoko ama' areo ao ty Tioko, vaho ho veloñe, le hampitofàko an-tane' areo eo; ie
amy zay ro hahafohiñe te Zaho IEHOVÀ ty nitsara naho nitoloñe, hoe t'IEHOVÀ.
15 Niheo amako indraike ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 16 Ihe ry ana' ondatio,
mandrambesa kobaiñe vaho isokiro ty hoe: Ho a Iehodà, naho o ana' Israele rañe'eo;
le mandrambesa kobaiñe tovo'e, le isokiro ty hoe: Ho a Iosefe, ty kobai' i Efraime
naho i hene anjomba' Israele mpiama'ey: 17 le avitraño, ty raik' amy raikey soa te ho
raike; vaho ho raik' am-pità'o ao. 18 Aa ie misaontsy ama'o o ana' ondatikoo, hanao ty
hoe: Tsy hatoro'o anay hao ty lengo'e? 19 Le ty hoe ty ho asa'o am' iereo: Inao ty nafè'
IEHOVÀ Talè: Oniño te ho rambeseko ty kobai' Iosefe boak' am-pità' i Efraime rekets'
o fifokoa' Israele rañe'eo naho hatraoko ama'e naho haharoko amy kobai' Iehodà
ho kobaiñe raike, vaho ho raik' an-tañako ao. 20 Aa le ho am-pità'o ao añatrefam-
pihaino' iareo eo i kobaiñe hisokira'o rey, 21 le hanoa'o ty hoe, Hoe ty nafè' IEHOVÀ
Talè, Ingo ho rambeseko amo kilakila'ndatio o ana' Israeleo, amy nomba' iareo añey,
le hatontoko boak' etia naho eroa vaho hampoliko mb'an-tane' iareo ao. 22 le hanoeko
fifeheañe raike iereo am-bohibohi' Israeleo ao; naho mpanjaka raike ty ho mpanjaka'
iareo iaby; le lia'e tsy ho fifelehañe roe ka iereo vaho tsy ho zaraeñe ho fifeheañe
roe ka. 23 Tsy haniva-vatañe amo samposampo'eo naho amo raha veta' iareoo naho
amo fiolà' iareo iabio ka iereo fa ho rombaheko amo kibohotse iaby nandilara' iareoo
naho ho lioveko ho ondatiko vaho ho Andriananañahare' iareo raho.
24 Ho mpanjaka hifehe iareo t'i Davide mpitoroko, le ho raik' avao ty mpiara' iareo;
hañaveloa' iareo o lilikoo naho hañambeñe vaho hitana o fañèkoo. 25 Himoneña'
iareo i tane natoloko am' Iakobe mpitorokoy, i nimoneñan-droae' areoy; toe

himoneñe ao iereo rekets' o ana'eo naho o anan'ana'eo nainai'e kitro añ'afe'e,
le ho mpifehe' iareo nainai'e t'i Davide mpitoroko. 26 Mbore hanoako fañinam-
panintsiñañe, ho fañina tsy modo; hajadoko iereo naho hampidobodoeko vaho
haoreko ho nainai'e añivo' iareo ao i toeko miavakey. 27 Ho am' iereo ao i kivohokoy,
le Zaho ty ho Andrianañahare' iareo vaho h'ondatiko iereo. 28 Le ho fohi' o kilakila'
ndatio te Zaho IEHOVÀ ty mampiavake Israele ie añivo' iereo ao nainai'e i toeko
miavakey.

# 38

1 Le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 2 O ana'ondatio, atrefo ty Goge*
an-tane' i Magoge†, roandria' ty rova-bey Meseke naho i Tobale vaho itokio 3 ami'ty
hoe: Inay ty nafè' IEHOVÀ Talè, Inao ry Goge, roandria' ty rova bei' i Meseke naho
i Tobale t'ie atrefeko; 4 hampibaliheko naho ho porengoteko o valañorà'oo, vaho
ho kozozoteko mb'eo rekets' o lahindefo'o iabio, soavala naho mpiningitse, songa
misikiñe fikalañe, valobohòke jabajaba songa an-kalan-defo naho fañaro-sirañe,
sambe mitam-pibara. 5 Hitraok' am'iareo t'i Parase, i Kose vaho i Pote, songa
amam-pikalañe naho fañaron-doha. 6 I Gomere‡ naho ze hene lian-dahin-defo'e;
ty anjomba' i Togarmà boak' an-tsietoitane avaratse añe naho ze fonga firimboña'e
naho ondaty maro mihipok' ama'oo. 7 Mañalankàña, le mihentseña, ihe naho o
valobohòke nifanontone ama'oo, vaho ifeheo! 8 Ie modo ty andro maro le ho tilihen-
drehe hitoroñe amy figadoñan-taoñey, haname i tane nivotsoreñe amy fibaraiy,
o hinoloholo amo kilakila' ndatioo, mb' am-bohibohi' Israele mb'eo, ie nainai'e
niratraratra; f'ie nakareñe amo fifelehañe maroo vaho songa miaiñ' añoleñañe.
9 Hionjom-beo hoe tio-bey rehe hanahake rahoñe manaroñe i taney, ihe naho ze
hene firimboña'o naho o valobohòke mihipok' ama'oo.

10 Hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: hifetsak' amy andro zay, te, hionjo-mb' añ' arofo'o
ao ty saontsy, hikitrok' an-tsafiry raty: 11 hanao ty hoe: Hionjoñe mb'amy tane
aman-tanañe tsy aman-kijoliy raho; haname o mitofao, o miaiñañoleñañeo, o
songa mimoneñe tsy mifahetseo, tsy misikadañe tsy aman-dalambey, 12 hikopahako
naho hitsindrohako, hampitoliha'o fitàñe mb'amo tane nangoakoake fa imoneñañeo
naho mb'am' ondaty natontoñe amo kilakila' ndatio, ie aman' añombe naho vara,
mpimoneñe añivo' ty tane toy. 13 Hañontane azo t'i Seba naho i Dedane naho o
mpanao balibali' i Tarsise, rekets' o ana-donak'ama'eo, Nivotrake eo hitavane vara
hao? Nampirimboñe valobohòke hitsindroke hao, hitarazo volafoty naho volamena
mb'eo, hinday hare naho kilankañe, hitavane fikopaham-bey?

14 Aa le mitokia, ry ana' ondatio, taroño amy Goge ty hoe: Inao ty nafè'
IEHOVÀ Talè: Amy andro hiaiñañoleña' ondatiko Israeleoy; tsy ho fohi'o hao?
15 Le hitandroake eo rehe boak' an-toe'o añ'ila avaratse añe, ihe rekets' ondaty
mitozantozañe, songa miningi-tsoavala, valobohòke jabajaba vaho firimboñan-
dahindefon-dra'elahy, 16 haname ondatiko Israeleo hoe rahoñe mampikopoke i
taney, amo andro honka'eo, ie hendeseko mb'an-taneko mb'eo, hahafohina' o
kilakila'ndatio ahy, le havahen-draho ty ama'o añatrefam-pihaino' iareo eo, ry Goge.

17 Aa hoe ty nafè' IEHOVÀ Talè: Tsy ihe hao ty nampisaontsieko o mpitorokoo,
o mpitoki' Israeleo, ie nitoky tañ' andro zay t'ie tsy mete tsy ho tehafeko mb'am'
iereo mb'eo? 18 Aa amy sa-panamea' i Goge ty tane Israeley, hoe t'IEHOVÀ Talè:
hitroatroake ty fiforoforoako. 19 Fa ty famarahiako naho fifomboko ty nivolañako, Toe
ho fañozokozoñañe jabajaba ty an-tane' Israele ao amy andro zay, 20 kanao sindre

* 38:2 Goge: tafo, saroñe † 38:2 Magoge: saroñe; milevoñe ‡ 38:6 Gomera: mahafonitse

hitititititike añatrefako eo ze fiañe an-driak’ ao naho o voron-dikerañeo, naho o bibin-
kivokeo, naho ze raha milalilaly misitsitse an-tane eo, naho ze kila ondaty ambone’ ty
tane toy, mbore hihotrake o vohitseo, hihintsañe o tevañeo vaho hikoromak’ an-tane
eo ze kijoly iaby. [21] Le ho ikoiheko fibara ambone’ o haboako iabio, hoe t’IEHOVÀ Talè;
vaho fonga hañatsake ty rahalahi’e ze fibara’ ondaty. [22] Hizakako añ’ angorosy naho
an-dio, naho hampahavieko ama’e naho amo mpirai-lia’eo naho amo valobohòke
mindre ama’eo ty orañe mampiòpo, naho ty havandra gadaboñe, vaho ty afo amam-
ponde. [23] Le honjoñen-dRaho naho havaheñe naho ho rendrem-pihainom-pifeheañe
maro, vaho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ.

# 39

[1] Aa le mitokia amy Goge ry ana’ ondatio, le ano ty hoe: Inay ty nafè’ IEHOVÀ
Talè: Inao t’ie atreatreko ry Goge, roandrian-drovabei’ i Meseke naho i Tobale;
[2] hampitoliheko naho haronjeko mb’eo naho ho rambeseko boak’ an-kotsokotsoke
fara’ i avaratsey vaho haseseko hiatreatre o vohi’ Israeleo; [3] ho takapiheko boak’
am-pità’o havia ty fale’o, vaho hampipopoheko boak’ am-pità’o havana o ana-pale’
oo. [4] Ie hitsingoro amo vohi’ Israeleo, ihe naho o lia-rai’o iabio naho i valobohòke
mihipok’ ama’oy; hatoloko amy ze hene karaza-voroñe naho amy ze fonga mpitiliñe
vaho amo bibin-kivokeo habotse’e. [5] Hitsingoritritse amy ze montoñe iaby rehe; amy
te Zaho ty nivolañe, hoe t’IEHOVÀ Talè. [6] Hahitriko amy Magoge ty afo, naho amo
mimoneñe amo tokonoseoo. vaho ho fohi’ iareo te Zaho IEHOVÀ.

[7] Zay ty hampahafohineko añivo’ ondatiko Israeleo ty tahinako masiñe naho tsy ho
tivàñe ka ty añarako masiñe vaho ho fohi’ o fifeheañeo te Zaho IEHOVÀ ro Masiñe
am’Israele ao. [8] Hehe te tondroke, naho toe ho heneke, hoe t’IEHOVÀ Talè, i andro
nivolañakoy.

[9] Hiakatse mb’eo o mpimoneñe amo rova’ Israeleo le ho viañe’ iereo afo
hamorototo o fialiañeo, o fikalañan’ arañañeo, o fañaron-tsirao, o fale naho ana-
paleo, o kobaiñe naho lefoñeo vaho harehe’ iareo añ’ afo hahamodo fito taoñe; [10] le
tsy eo ty hitoha hatae an-kivok’ añe, ndra hamira hatae añ’ala ao; fa harehe’e añ’ afo
ao o fialiañeo; naho ho kopaheñe o nikopak’ iareoo, vaho ho kamereñe o nikametse
am’ iareoo, hoe t’IEHOVÀ Talè.

[11] Hifetsak’ amy andro zay te ho tolorako toetse e Israele ao ho kibori’ i Goge, i
vavatanem-pitsàhañe atiñana’ i riakeiy; ze hanebam-pitsake; ao ty handeveña’ iareo
i Goge naho i valobohò’ey; vaho ho tokaveñe ty hoe: Vavatanem-balobohò’ i Goge.
[12] Fito volañe ty handeveña’ i anjomba’ Israeley iareo hañalio i taney. [13] Eka hene
handenteke iareo ze ondati’ i taney, le hahazoako engeñe vaho ho andro añonjonañe
ahy hoe t’IEHOVÀ Talè. [14] Ho joboñe’ iereo ondaty mahafitoloñe, hiranga i taney
mindre amo mpitsàkeo handenteke ze mbe midoñe ambone tane eo, hañalio aze; toe
hitsoeke mifototse ami’ty volam-paha-fito iereo. [15] Aa naho iranga’ t’indaty vaho ie
mahaisake taola’ ondaty, le hañoreña’e vorovoro marine aze eo ampara’ te naleve’
o mpandentekeo am-bavatane’ i Valobohò’ i Gogey ao. [16] Le hatao Hamonà[*] ka ty
añara’ i rovay; zay ty hañaliova’ iareo i taney.

[17] Aa ihe, ana’ondatio, hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Misaontsia amy ze fonga karazam-
boroñe[†] naho amy ze hene bibin-kivoke: Mitontona, mb’etoa; songa hivory añ’
ila’ i fisoroñakoy, i hisoroñako ho anahareoy, fisoroñam-bey an-kaboa’ Israele ey,
hihinana’ areo nofotse naho hinoma’ areo lio. [18] Habotse’ areo ty nofo’ o fanalolahio
naho hinoñe ty lio’ o roandria’ ty tane toio; hoe t’ie añondrilahy naho ose-lahy vaho
añombelahy songa vinondrake e Basane ao. [19] Fonga hamotseke solike ampara’ te
etsake, naho hinon-dio ampara’ te mamo amy soroñe nisoroñako ho anahareoy [20] ie

[*] **39:16** Hamonà: valobohòke [†] **39:17** Apo 19:17,18,21

hampivontsiñeñe am-pandambañako eo amo soavalao naho amo sarete maozatseo
vaho amo lahin-defoñe iabio, hoe t'IEHOVÀ Talè.
21 Aa le hajadoko amo kilakila' ndatio ty engeko, naho ho oni' o kilakila' ndatio
i zaka nafetsakoy vaho ty tañako napetako am' iareo. 22 Le ho fohi' i anjomba'
Israeley te Zaho IEHOVÀ, Andrianañahare' iareo henane zay vaho nainai'e. 23 Ho
fohi' o kilakila' ndatio te nisese mb' am-pandrohizañe añe ty anjomba' Israele ty
amo hakeo'eo amy t'ie niola amako, le naetako am' iereo ty tareheko naho natoloko
am-pità' o rafelahi' iareoo, vaho fonga nitsingorom-pibara. 24 Mira ami'ty haleora'
iareo naho ami'ty fiolà' iareo ty nanoeko am' iareo, vaho nañetahako tarehe.
25 Aa le hoe ty nafè'IEHOVÀ Talè: Hampoliko henane zao ty fandrohiza' Iakobe
naho ho tretrezeko iaby ty anjomba' Israele vaho ho farahieko ty añarako masiñe.
26 Ie amy zay, ho haliño' iereo ty fisalara' iareo ty amo fiolàñe niolà' iareo amakoo
ie fa mierañerañe an-tane' iareo ao, ie tsy eo ty mpañembañe, 27 naho hampoliko
hirik' amo kilakila' ndatio iereo, naho hambineko boak' an-tane' o rafelahi'eo vaho
ho toloreñ' asin-draho am-pahaisaham-pifeheañe maro; 28 le ho fohi' iereo te Zaho
IEHOVÀ Andrianañahare' iareo, ty nanese iareo mb'am-pandrohizañe añe añivo' o
kilakila' ndatio naho natontoko boak' an-tane' iareo añe naho leo raike tsy hapoko
29 vaho tsy hañetahako tarehe ka fa hakofòko amy anjomba' Israeley ty Tioko, hoe
t'IEHOVÀ Talè.

# 40

1 Ie amy taom-paha roapolo lim' ambi' i fandrohiza'aiy, amy loha-taoñey, amy
andro valoha' i volañeiy, le amy taom-paha-folo-efats' ambi' ty fandafañe i rovay,
le tamako amy andro zay ty fità' IEHOVÀ vaho nendese'e mb'eo. 2 Ie amo aroñaron'
Añahareo, le nendese'e mb'an-tane' Israele añe naho napo'e ambone' ty vohitse
mitiotiotse eo, vaho ama'e ey ty firafin-drova mañatimo. 3 Teo ty nendese'e ahy,
le ingo t'indaty hoe tarehen-torisìke ty vinta'e, nitintiñe taly leny am-pità'e naho
kobaim-panjeheañe; nijohañe an-dalambey ey. 4 Le hoe indatiy tamako: O ana'
ondatio, mahaisaha am-pihaino, naho mijanjiña an-dravembia, vaho ajadoño an-
tro'o ao ze he'e haboako, fa nendeseko etoañe hanoroako azo; hene taroño amy
anjomba' Israeley ze oni'o.
5 Ingo ty kijoly alafe' i anjombay mañarikatoke aze; ampità' indatiy ty kobaim-
panjeheañe, enen-kiho-lava ty andava'e, kiho raike itovoñam-pohem-pitañe i kiho
zay; aa le zinehe'e ty ampohe' i kijoliy: kobaiñe raike, naho ty haabo'e: kobaiñe
raike.
6 Niheo mb'amy lalambey mitolik' atiñanan-dre le niañambone' i fanonga'ey, vaho
zinehe'e ty tokona' i lalambeiy, kobaiñe raike ty ampohe'e, le ty tokona'e ila'e:
kobaiñe raike ty ampohe'e. 7 Le ty trañom-pigaritse, kobay raike ty andava'e naho
kobay raike ty ampohe'e; kiho lime ty añivo' i traño rey, vaho kobay raike ty takona'
i lalañe amy lavaranga' i lalambey miatreke i anjombaiiy.
8 Zinehe'e ka ty tokona' añate' i lalambey, kobaiñe raike. 9 Le zinehe'e ty treha' i
tokonan-dalambeiy: kiho valo; naho o tolà'eo: kiho roe; vaho niatreke i anjombay ty
fiziliha' i lalambeiy.
10 Trañom-pigaritse telo ty añ'ila' i lalambey atiñanañey etoy naho telo añ' ila'e
aroy, mira ty zehe' i telo rey; vaho sindre aman-jehen-tolàñe mira ty añ'ila'e atoy
naho ty añ'ila'e aroy. 11 Zinehe'e ka ty am-pohe' i fizilihan-dalambeiy: kiho folo;
naho ty andava' i lalambeiy: kiho folo-telo' amby. 12 Ty jeba'e aolo' o efe-trañoo
le kiho raik' añ'ila'e atoy naho kiho raik' añ'ila'e eroy; i efe-traño rey le enen-kiho
añ'ila'e etoy naho enen-kiho ty eroy. 13 Zinehe'e ka ty lalambey boak' ami'ty tafon-efe-
traño raike pak' an-tafo' i raikey; kiho roapolo-lim'amby, an-dalañe miatre-dalañe.

14 Nanoe’e tolàñe ka, kiho enempolo, le nanahake zay o lalambey sisa añ’ariari’ i
kiririsaio. 15 Le boak’an-tarehe’ i lalam-pizilihañey pak’ an-tarehe’ ty figadoña’ i efe-
pizilihañey, limampolo kiho. 16 Songa reke-pikatohañe o lalan-kede amy efe-traño
rey naho amo tolà’e añate’ i lalambeio mb’eo mb’eo, le zay ka amo mivokokeo, vaho
mañariary o efe-traño am-po’ iareoo o lalan-kede’eo; sindre aman-tsatrañe o tolàñeo.
17 Nendese’e an-kiririsa añate’e ao raho, le ingo ty efe-traño naho ty dalaze am-
bato hara’e tsaratseak’ añ’ ariari’ i kiririsay; efe-traño telopolo ty niatreke i dalazey.
18 Tañ’ila’ o lalambeio i damokey ty amy halava’ o fizilihañeoy, i damok’ ambaney
zay. 19 Zinehe’e maniñana boak’ am-piatrefa’ i lalambey ambaney pak’am-para’ i
kiririsa añate’ey, kiho zato, vaho hoe zay ka ty mañavaratse.
20 Le nizehe’e ty andava naho ty am-pohe’ i lalambein-kiririsa’ alafe’e nitolik’
avaratsey. 21 Telo ty trañom-pigaritse añ’ila’e etoy naho telo ty añ’ila’e eroy;
ie mira amo nizeheñe amy lalambey valoha’ey naho o tolañeo naho o vokokeo;
kiho limampolo ty andava’e le kiho roapolo-lim’ amby ty ampohe’e. 22 Mira amo
nanjeheañe amy lalambey nitolik’ atiñanañeio o lalan-kede’eo naho o lavaranga’eo
vaho o satra’eo; fanongañe fito ty mañambone ama’e le aolo’ iareo eo i lavaranga’ey.
23 Manahake i lalam-bey atiñanañey le mitolik’ amy lalam-bein-kiririsa añate’e ty
lalambey avaratse, ie zinehe’e boak’an-dalambey pak’an-dalambey tandrife: le kiho
zato.
24 Ie amy zay nendese’e mañatimo, le inge ty lalambey mitolik’ atimo: zinehe’e
o tolà’eo naho o voko’eo, le nira amy nizehèñe rey. 25 Manahake o ila’eo o lalan-
kede niariary aze naho o voko’eo; kiho limampolo ty andava’e naho kiho roapolo-
lim’ amby ty am-pohe’e. 26 Fito ty fanongañe miañambone ama’e, le aolo’ iareo o
voko’eo; nitemeren-tsatrañe o tolà’eo, ty añ’ila’e etoy naho ty añ’ila’e eroy. 27 Teo
ty lalambey nitolik’ atimo amy kiririsa añate’ey; zinehe’e ty boak’an-dalambey pak’
an-dalambey atimo, zato kiho.
28 Nendese’e nizilik’ an-dalam-bey atimo mb’an-kiririsa añate’e mb’eo; le zinehe’e
i lalam-bey atimoy ie nira amy nanjeheañe o ila’eoy; 29 mira amy nanjeheañe rey
ka o efe-traño’eo, naho o tolà’eo naho o voko’eo; mañariary aze naho o voko’eo o
lalan-kede’eo; kiho limampolo ty an-dava’e vaho roa-polo-lim’ amby ty am-pohe’e.
30 Vokoke ty nañariary aze, kiho roapolo-lim’ amby ty an-dava’e naho kiho lime ty
ampohe’e. 31 Miakatse an-kiririsa alafe’e ao o voko’eo, hene aman-tsatrañe o tolà’eo,
valo ty fanongañe miañambone ama’e.
32 Nendese’e mb’añ’ila atiñana’ i kiririsa añate’ey mb’eo raho; le zinehe’e i
lalambeiy t’ie nira amo ila’eo. 33 Mira ami’ty zehe’ o ila’eo ka o efe-traño’eo, naho
o tolà’eo, naho o voko’eo; mañariary aze naho o voko’eo o lalan-kede’eo; kiho
limampolo ty andava’e naho kiho roapolo-lim’ amby ty ampohe’e. 34 Miakatse mb’
an-kiririsa alafe’e mb’eo o voko’eo, sindre reke-tsatrañe o tolà’eo añ’ ila’e etoy naho
añ’ ila’e eroy; valo ty fanongañe miañambone ama’e.
35 Le nendese’e mb’amy lalam-bey avaratsey mb’eo, naho zinehe’e te mira ami’ty
zehe’ o ila’eo: 36 o efe-traño’eo, o tolà’eo naho o voko’eo; vaho mañariary aze o
lalan-kede’eo; kiho limampolo ty andava’e naho kiho roapolo-lim’ amby ty ampohe’e.
37 Mimoak’ an-kiririsa alafe’e ao o tolà’eo; nitemeren-tsatrañe o tolà’e añ’ila’e etoy
naho añ’ila’e eroio, valo ty fanongañe miañambone ama’e.
38 Añivo o tolà’ i lalambei’eio ty fizilihañe mb’ami’ty traño-kede; ao ty fanasañe
o hisoroñañeo. 39 Le amy fizilihañey ty rairay roe añ’ila’e etoy naho ty roe añ’ila’e
eroy, handentàñe o soroñeo, o engan-kakeoo naho o engan-tahiñeo. 40 Rairay roe
ty añ’ila’ alafe’ i fanongañe mimoak’ an-dalam-bey avaratsey; naho rairay roe ty
añ’ila’e ka, amy fizilihañe i lalambeiy ao. 41 Aa le rairay efatse ty añ’ ila’e etoy, naho
rairay efatse ty añ’ila’ ty lalambey eroy; rairay fandentàñe valo. 42 Nanoeñe vato

tsinerake i rairay efats' o soron-koroañeo rey, kiho raike tsy tampa'e ty andava'e
naho kiho raike tsy tampa'e ty ampohe'e, vaho kiho raike ty haabo'e; ie ambone'e
eo ty fampipohañe haraom-pandentàñe engan-ko lorañe naho soroñe. 43 Nirekets'
añ' ariari' i trañoy ty porengotse maro, sindre zehem-pitàñe ty andava'e; naho amy
rairay rey i hena hisoroñañey.

44 Alafe' i lalambei' añate'ey an-kiririsa' añate'e añ'ila' i lalambey avaratsey ty
trañom-pisabo miatrek' atimo, teo ka ty añ'ila' i lalambey atiñanañey miatrek'
avaratse. 45 Le hoe re amako, Ty traño miatrek' atimo toy le a o mpisoroñe mitoloñe
amy anjombaio. 46 I traño miatrek' avaratsey le a' o mpisoroñe mitoroñe amy
kitreliio; o ana' i Tsadoke kinoik' amo ana' i Levio ro hitotok' am' IEHOVÀ hiatrak'
azeo.

47 Zinehe'e ka i kiririsay, kiho zato ty andava'e naho kiho zato ty ampohe'e, efa-
mira; aolo' i anjombay ty kitrely.

48 Le nendese'e mb'am-piziliha' i anjombay raho, vaho zinehe'e o tolà' i fizili-
hañeio: kiho lime ty añ' ila'e etoy naho kiho lime ty añ' ila'e eroy; kiho telo ka
ty am-pohe' i lalambeiy añ' ila'e etoy naho telo kiho ty añ' ila'e eroy. 49 Kiho
roapolo ty andava' i fizilihañey, naho kiho folo-raik' amby ty ampohe'e; fanongañe
ty fimoahañe; tsotsòke raike ty añ'ila' o tolà'eo etoy naho raike ty eroy.

# 41

1 Heneke zay le nendese'e mb' amy kivohoy mb'eo vaho nanjehe o tolà'eo: kiho
eneñe ty ampohe' ty ila'e naho kiho eneñe ka ty añ' ila'e, ie treha' i voko'ey. 2 Kiho
folo ty ampohe' i lalañey naho kiho lime ty añ' ila' i lalañey naho kiho lime ka ty
ila'e; zinehe'e ka ty andava'e le kiho efapolo; naho kiho roapolo ty am-pohe'e.

3 Nimoak' ao amy zao re nanjehe o tolà' i lalambei'eio, kiho roe; le i lalañey, kiho
eneñe; naho kiho fito ty ampohe' i lalañey. 4 Le zinehe'e ka ty andava'e: kiho roapolo;
naho kiho roapolo ty ampohe'e aolo' i kivohoy eo; le hoe re tamako, Itoy i toetse
masiñe do'ey.

5 Heneke zay le zinehe'e ty rindri' i anjombay: kiho eneñe; le ty am-pohe' o efe-
traño'eo, kiho efatse mañarikatoke i anjombay amo ila'e iabio. 6 Telo mifaningitse o
efe-traño'eo, telo-polo ty am-pidadaña'e raike; nampiziliheñe an-drindri' i anjomba
nandranjiañe o efe-traño añ'ariary azeoy iereo, soa te hirampy amy trañoy fa tsy
hirampy an-drindri' i kivohoy. 7 Nibey ty am-pohe' o efe-traño niarikatokeo naho
o lalañe mioza amo efe-trañoo naho ambone te amo ambaneo, aa le nitombo
nañambone ty treha' o trañoo naho o lalañeo. Ty fanongañe boak' ambaney pak'
amboney le niranga i añivo'ey.

8 Nitreako te nañarikatoke i anjombay ty lavaranga naonjoñe; kobay raike, toe
kiho eneñe, ty nitakare'e hifamitrañe ami'ty mananta' o efe-trañoo. 9 Ty treha' i
rindriñe alafe' o efe-trañoo, le kiho lime; mira amy zay ty malalak' añivo' o efe-
trañoo naho i anjombay. 10 Ty treha' o efe-traño mañarikatoke i anjombaio mizehe
kiho roapolo. 11 Misokak' an-toetse malalake ty lala' o efe-trañoo; miatrek' avaratse
ty lala'e raike naho miatrek' atimo ty lala'e ila'e; vaho kiho lime ty treha' i malalake
miariary ama'ey.

12 I traño aolo' i kiririsan-kivoho ahandrefa'ey, le kiho fitom-polo ty am-pohe'e;
kiho lime ty hateve' i rindri'e mañariary azey vaho kiho sivam-polo ty andava'e.

13 Zinehe amy zao i kivohoy, kiho zato ty andava'e; naho kiho zato ka ty an-dava' i
kiririsa'ey naho i trañoy rekets' o rindri'eo. 14 Ty treha' i fiatrefa' i Anjombaiy naho
o kiririsa'e atiñanañeo, le zato kiho.

15 Zinehe'e amy zao ty andava' i traño miatreke i kiririsa ahandrefañey naho o
oloñolo'e añ'ila'e atoy naho añ'ila'e aroio; zato kiho.

I kivohoy, i toe’e añate’ey, naho o lavaranga miakatse an-kiririsao; [16] le o
tolà’eo, naho o lalan-kede milentekeo, o oloñolo’e mañariari’ i telo mañambone
rey tandrife i lalambeiio, vaho nitemerem-baramba ty añariari’ i kivohoiy, mifototse
an-tane mionjoñe pak’amo lalan-kedeo, vaho o tokonan-dalan-kedeo, [17] le nitakatse
ty malalak’ ambone’ i lalambeiy, sikal’am-po’ i anjombay ao; ie alafe’e etoy naho
mañariary o rindriñe añate’eo ty nipateran-tsare: [18] kerobe naho satrañe; añivo’ ty
kerobe naho ty kerobe ty satrañe; songa manan-daharañe roe o kerobeo; [19] lahara’
ondaty ty miatreke ty satrañe naho tarehen’ ana-diona ty miatreke i satrañe añ’ila’ey.
Sinokitse añ’ ariari’ i kivohoy iaby irezay; [20] mifototse an-tane eo pak’ ambone’ i
lalambeiy ty nanitsihañe kerobe naho satrañe, vaho an-drindri’ i toetse miavakey
eo.
[21] Efa-mira o tolàn-dalambein-kivohoo, le mañirinkiriñe i nitreako zay ty aolo’ i
toetse miavakey eo. [22] An-katae ty kitrely, kiho telo ty haabo’e naho kiho roe ty
an-dava’e, le an-katae o kotso’e añate’eo naho i an-dava’ey vaho o rindri’eo; le
hoe re amako, Itoy ty latabatse aolo’ Iehovà eo. [23] Songa aman-delan-dalambey
roe i kivohoy naho i toetse miavakey. [24] Sindre amam-baramba roe I lalañe rey,
varamba miviombio; amam-baramba roe’ i lalañe raikey naho varamba roe ka i
lalañe ila’ey. [25] Nipatereñe am’ iereo, amo lalambei’ i kivohoio, ty kerobe naho
ty satrañe, hambañe amy nanoañe o rindri’eoy; nanoeñe lapalapam-baramba ty
aolo’ i fizilihañe alafe’ey. [26] Teo ty lalan-kede nilenteke naho satrañe añ’ila’e roe,
an-drindriñe añ’ila’ i fizilihañey, naho amo efe-traño añ’ila’ i anjombaio vaho amo
lapalapa’eo.

# 42

[1] Nendese’e mb’an-kiririsa alafe’e ao raho, mañavaratse mb’eo; le nente’e mb’amo
efe-traño miatreke i kiririsay aolo’ i traño avaratseio. [2] Kiho zato ty andava’ i
fiatrefa’e avaratsey, tama’e ty lalambei’e, naho kiho limam-polo ty am-pohe’e, [3] ty
toe’e le añate’ i kiririsay an-kiho roapolo naho miefetse amy damok’ an-kiririsa
alafe’ey, vaho mifanongoa in-telo mañambone rekets’ o lavaranga’eo. [4] Aolo’ o efe-
trañoo ty lalañe, kiho folo ty treha’e naho kiho zato* i lalañey; mitolik’ avaratse o
fiziliha’eo. [5] Bory o efe-traño amboneo fa nitomore’ o lavarangañeo mandikoatse ty
nangala’e amy ambaney naho amy añivoy, [6] ie telo mifanongoa, fe tsy aman-tsotsòke
manahake o efe-traño an-kiririsao; zay ty nampihànkañe i ambone’ o mananta’eoy
te amy añivoy naho i ambaney. [7] Mifamalahañe amo efe-trañoo, an-kiririsa alafe’e,
pak’ amo efe-trañon-kiririsa alafe’eo ty kijoly, kiho limampolo ty andava’e; [8] amy te
kiho limampolo ty andava’ o efe-traño an-kiririsa alafe’eo, vaho kiho zato ty ila’e
miatreke i kivohoy. [9] Ambane’ i efetse rey añ’ila’e atiñanañe ty fizilihañe am’ iereo
boak’an-kiririsa’ alafe’e.
[10] Ami’ty treha’ i rindrin-kiririsa maniñanañe, tandrife’ i toetse miavakey naho
tandrife’ i trañoy, le misy efe-traño, [11] le an-dalañe aolo’e eo ty hambañe amo efe-
traño avaratseo, le mira amo azeo ty an-dava’e naho ty am-pohe’e, naho hambañe ty
namoareñe o fiakara’eo vaho o fiziliha’eo. [12] Añ’ila o fiziliha’ i efe-traño atimo reio
ty fizilhañe am-pigadoña’ i lalañey eo, toe i lalañe mioza aolo’ i kijoliiy momb’amy
fizilihañe atiñanañe rey.
[13] Le hoe re tamako, I efe-traño avaratse rey naho i efe-traño atimo rey tandrife
i kiririsay ro traño miavake, toem-pikamà’ o mpisoroñe miatreke Iehovào o enga
miavake do’eo; ao ty hampipoha’ iareo o enga miavake do’eo: o enga mahakamao,
o engan-tahiñeo, naho o engan-kakeoo: miavake i efetsey. [14] Ie mizilik’ ao o
mpisoroñeo, le tsy hiavotse i toetse miavakey mb’an-kiririsa alafe’e ao iereo, naho

* **42:4** Heb: raike

tsy apo’ iareo eo hey o sikiñe nitoroñe’ iareoo, amy t’ie miavake; vaho hisikiñe hafa,
hionjona’ iareo mb’an-toe’ ondatio mb’eo.

15 Aa ie nihenefe’e zehe ty toe’ i kivohoy, le nendese’e niakatse mb’ amy lalam-
bey miatrek’ atiñanañey raho le nizehe añ’ ariary aze. 16 Zinehe’e amy kobaim-
panjeheañey i lafe’e atiñanañey, kobay liman-jato amy kobaim-panjeheañey, le nito-
like re 17 nanjehe ty lafe’e avaratse, kobay liman-jato amy kobaim-panjeheañey, le ni-
tolike 18 nanjehe ty lafe’e atimo, kiho liman-jato amy kobaim-panjeheañey. 19 Nitolike
mb’ ahandrefañe vaho nanjehe kobay liman-jato amy kobaim-panjeheañey. 20 Aa le
hene zinehe’e i lafe’e efatse rey, toe niarikatohe’ ty kijoly, liman-jato ty an-dava’e le
liman-jato ty am-pohe’e, hampiambake ty masiñe ami’ty tsotra.

# 43

1 Heneke zay, le nendese’e mb’an-dalambey mb’eo raho, mb’ an-dalambey
miatrek’ atiñanañe. 2 Indroy te nimb’ etoy boak’ an-dalañ’ atiñanañe ty engen’
Andrianañahare’ Israele; le nanahake ty fitroñan-drano maro ty fiarañanaña’e; vaho
nireandreañe ami’ty enge’e i taney. 3 Ty aroñaroñe nitreako toy, le manahake
i aroñaroñe nitreako t’ie nimb’ am-pandrotsahañe i rovay mb’eoy; manahake i
aroñaroñe nitreako marine i saka Kebarey i aroñaroñey, vaho nihotrak’ an-tareheko
eo. 4 Nizilik’ an-kivoho ao ty enge’ IEHOVÀ, hirik’ an-dalambey miatrek’ atiñanañey.

5 Nampionjone’ i Tiokey raho, le nampizilihe’e amy kiririsa añ’ate’ey; le indroke ty
enge’ IEHOVÀ nandifotse i kivohoy. 6 le tsinanoko ty nitsara amako boak’ amy kivohoy
ao, fa nijohañe marine’ ahy eo t’indaty. 7 Hoe re amako: O ana’ ondatio, atoy ty toe’
i fiambesakoy naho ty fitimpahan-tomboko amy himoneñako añivo’ o ana’ Israeleo
nainai’e doniay; vaho le lia’e tsy handeotse ty añarako masiñe ka ty anjomba’ Israele,
ke iereo he o mpanjaka’eo, amo hakarapiloa’eo, naho amo lolom-panjaka’ iareo an-
kaboañe ey, 8 ie napo’ iareo marine’ i fizilihakoy ty fiziliha’ iareo, naho o tolà’eo
tandrife’ o tolàkoo, naho kijoly tsotra avao ty nañefets’ ahy am’ iereo; vaho nileore’
iereo ty añarako masiñe amo haloloañe nitoloñe’ iareoo; zay ty namongorako iareo
amy habosehakoy. 9 Aa ehe te hahifi’ iareo añe o hakarapiloa’ iareoo henane zao
naho hafahañe lavits’ ahy ty lolo’ o mpanjaka’ iareoo, himoneñako añivo’ iareo ao
nainai’e donia.

10 Ihe, ana’ ondatio, atorò amy anjomba’ Israeley i kivohoy; ampanjeheo’ iareo i
nisareañe aze, hampisalarañ’ iareo amo tahi’eo, 11 Aa naho fonga imeñara’ iareo
o nanoe’ iereoo, le ampandrendreho iareo ty sare’ i kivohoy, i filahara’ey, naho o
fiakara’eo, naho o fiziliha’eo, vaho i sare’e iabiy; le ampahafohino iareo o hene fañè’e
naho fepè’e ty amo sare’eoo, le patero am-pahaisaha’eo, hañambena’ iareo vaho
hañenefa’ iareo i hene nisareañey naho o fañè’eo.

12 Zao ty fepè’ i kivohoy: masiñe do’e i toetse mañariary an-kaboa’ i vohitsey rey.
Inay, zay ty Hàke ty amy kivohoy.

13 Le ingo ty zehe’ i kitreliy an-kiho’e—o kiho zao le toe kiho raike mitovoñe ty
treham-pitàñe: kiho raike ty halale’ i foto’ey naho kiho raike ty am-pohe’e, vaho zehe
raike ty rira’e mañarikatok’ aze; zao ty haabo’ i kitreliy. 14 Kiho roe ty boak’an-tane
pak’ an-drira’e ambane, kiho raike ty am-pohe’e; le kiho efatse ty boak’an-drira’e
kede pak’ andrira’e bey, vaho kiho raike ty am-pohe’e. 15 Kiho efatse ty fañoroa’
i kitreliy; naho tsifa efatse ty mitolik’ ambone boak’ amy kitreliy eo. 16 Kiho folo-
ro’amby ty an-dava’ i kitreliy, le folo-ro’amby ty am-pohe’e; efa-mira i ila’e efatse
rey. 17 Efa-mira ka i lavaranga’ey, kiho folo-efats’ amby ty an-dava’e, naho kiho folo-
efats’ amby ty am-pohe’e, naho antsasa’ ty kiho’e ty fitemerañe mañarikatok’ aze,
kiho raike ty foto’e mañariary aze; mitolik’ atiñanañe i fanongà’ey.

[18] Le hoe re amako, O ana’ ondatio, hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Inao o fañè’ i kitreliy
amy andro handranjiañe azey, hañengàñe soroñe, naho hamitsezan-dio. [19] Ho
tolora’o amo mpisoroñe nte-Levy, tarira’ i Tsadoke*, mpitotok’ amakoo, hitoroñe
ahy, hoe t’IEHOVÀ Talè, ty bania ho engan-kakeo. [20] Le handrambesa’o ty lio’e
naho hatente’o amy tsifa efatse rey, naho an-kotso-efats’ i olotse rey vaho an-drira’e
mañarikatok’ aze: zay ty hañaliova’o naho hañefera’o aze. [21] Ho rambese’o amy
zao i bania engan-kakèoy, vaho horoa’o amy toetse tinendre añ’anjomba ao alafe’ i
toetse miavakey eiy.
[22] Amy andro faharoey le hibanabana’o ty oselahy tsy aman-kila ho engan-kakeo,
hañeferañe i kitreliy manahake ty nañeferañe aze amy baniay. [23] Ie fa heneke i
fañeferañey le hengae’o ty bania tsy aman-kandra naho ty añondrilahy tsy aman-kila
boak’an-dia-raike ao, [24] le hisoroña’o añatrefa’ IEHOVÀ, naho hafitse’ i mpisoroñey
ama’e ty sira, le hengae’ iereo ho soroñe am’ IEHOVÀ.
[25] Boak’ andro, ho fito andro ty hañajaria’o ty oselahy ho engan-kakeo; le
halankañeñe ka ty bania naho ty añondrilahy tsy aman-kandra boak’an-dia-raike
ao. [26] Fito andro ty hañeferañe i kitreliy hañalio aze, zay ty fanokanañe aze. [27] Ie
heneke i andro rey, mifototse amy andro fahavaloy mb’eo, le hisoroña’ o mpisoroñeo
o engan-koroa’ areoo amy kitreliy naho o engam-panintsiña’ areoo vaho ho noko
nahareo, hoe t’IEHOVÀ Talè.

# 44

[1] Nendese’e nibalike mb’an-dalambey alafe’ i toetse miavake miatrek’ atiñanañey
mb’eo raho; f’ie nirindriñe. [2] Le hoe t’IEHOVÀ amako: Hagabeñe ty lalañe toy,
tsy ho sokafeñe, le tsy himoak’ ama’e t’indaty; amy te fa nizilik’ ao t’IEHOVÀ
Andriananañahare’ Israele, aa le harindriñe zay. [3] I roandriañey avao ty hiambesatse
ao hikama mahakama añatrefa’ IEHOVÀ ty amy maha-roandriañe aze; hizilike
mb’amy ana-piziliha’ i lalambeiy re, vaho ama’e ka ty hienga’e mb’eo.
[4] Nendese’e niary amy lalambey avaratsey raho, mb’ añ’ aolo’ i kivohoy mb’eo;
nenteako le indroke nandifotse i kivoho’ IEHOVÀy ty enge’ IEHOVÀ; vaho nibaboke
an-tareheko.
[5] Le hoe t’IEHOVÀ amako: O ana’ ondatio, arendreho soa, le isaho am-pihaino naho
janjiño an-dravembia ze he’e ho volañeko ama’o ty amo fañè’ i kivoho’ IEHOVÀio
naho o fañòha’eo; arendreho o mete hampihovañe amy kivohoio, vaho o marañe tsy
himoak’ amy toetse miavakeio. [6] Le saontsio ty hoe o mpiolao, i anjomba’ Israeley,
inao ty nafè’ IEHOVÀ Talè: Ry anjomba’ Israele, fonga ajihero o hakarapiloa’oo, [7] ty
amy nampihova’o an-toeko miavake ao o ambahiny tsy nisavareñe añ’arofo naho
tsy afak’ ofoke an-tsandriñeo, hañota-faly amy anjombakoy, ie nengae’o amako
o hànekoo, ty safo’e naho ty lio’e. Tovo’ ze haloloañ’ iaby nivaliha’ areo amy
fañinakoy; [8] vaho tsy namandroñe o raha masikoo; te mone nampivandroñe’ iareo
ze nisatrie’ areo avao i toeko miavakey. [9] Aa le hoe t’IEHOVÀ Talè: Tsy himoak’
amy toeko miavakey ty ambahiny tsy nisavareñe añ’arofo naho tsy afak’ ofok’ an-
tsandriñe, amo renetane mitraok’ amo nte-Israeleo iabio.
[10] Le hivave ty lafa’ iareo o nte-Levy nihànkañe amakoo, ie nandifik’ amako
t’Israele naho nandrìke mb’ amo samposampon-draha’ iareoo. [11] Ho mpañambiñe
an-toeko miavake ao iereo, hisary o lalambein-kivohoo, hampikasokasok’ amy
kibohokoy ao; handenta o engan-koroañeo naho o fisoroña’ ondatioo, hiatrake
ondatio, hitoroñe iareo. [12] Amy te nitoroñe’ iareo aolo’ o saren’ drahare’ iareoo, naho
ninjare bolokon-kakeo fampitsikapieñe i anjomba’ Israeley, le nizonjoeko haoke hoe
t’IEHOVÀ Talè, vaho ho vavè’ iereo o hakeo’ iareoo. [13] Tsy hitotok’ amako iereo, tsy

* **43:19** Tsadoke: to, nañatoàñe

hitoroñe ahy ho mpisoroñe, tsy hañarine o raha masikoo naho o raha loho miavakeo;
fa hivave fisalarañe ty amo hatsivokarañe nanoe' iereoo. [14] F'ie ho tendrèko ho
mpigaritse i kivohokoy, naho hikotrokotrok' ama'eo, ze hene kasokasoheñe ama'e
ao.
[15] Fe o mpisoroñe nte-Levy ana' i Tsadoke namandroñe i toeko miavakey, ie
nandifik' amako o nte-Israeleoo ro hitotok' amako hitoroñ' ahy, hijohañe añatrefako
hañenga ty safo'e naho ty lio amako, hoe t'IEHOVÀ Talè; [16] Ie ro himoak' amy toeko
miavakey ao, hitotok' amy fandambañakoy hitoroñe ahy vaho hamandroñe o ahikoo.
[17] Ie mizilik' amo lalambein-kiririsa' añateo, le hisikiñe lamba leny naho tsy ho
amam-bolonañondry t'ie mitoloñe an-dalambein-kiririsa añate'e naho amy trañoy.
[18] Ho aman-tsabaka leny ty añambone' iareo, naho koloty leny ty ambania'e; vaho
tsy hisikiñe ze hahatera-liñetse. [19] Le ie miakatse mb'an-kiririsa alafe'e ao, mb'an-
kiririsa ama' ondaty mb'eo, le hafaha' iareo hey o sikiñe nitoroñañeo naho halafike
amo efetsefe miavakeo; le hiombe saroñe ila'e, tsy mone hampiavake ondatio amo
siki'eo.
[20] Tsy hañara-doha iereo, naho tsy hapoke ho lava o maroi'eo; fe ho tomotomoreñe
o maroin' añambone'eo. [21] Tsy hinon-divay ty mpisoroñe t'ie mizilik' an-kiririsa
añate'e ao. [22] Tsy hañenga vantotse iereo, ndra ty narian-dahy, fa somondrara
tariran' anjomba' Israele ndra ty vantotse remavoi' ty mpisoroñe. [23] Haò' iereo
ondatikoo ty hañambahañe ty masiñe ami'ty tsotra, vaho hampandrendreheñe ty
faly naho ty malio.
[24] Ie eo ty fandierañe le hizaka' iareo; hizaka amo fepèkoo; naho hañambeñe Hake
naho o fañèko amo hene famantañakoo vaho ho masiñe' iereo o SABATEkoo.
[25] Tsy haniva vatañe iereo ami'ty hizilihañe an-dolo ao; f'ie mahazo mandeo-
batañe naho rae ndra rene, ana-dahy naho anak'ampela, vaho rahalahy ndra
rahavave tsy manambaly. [26] Ie malio, le hañiahañe fito andro. [27] Ie amy andro
iziliha'e i toetse miavakey, an-kiririsa' añate'e ao, hitoloña'e amy toetse miavakey,
le hengae'e i engan-kakeo'ey, hoe t'IEHOVÀ Talè.
[28] Zay ty ho lova iareo; Zaho o lova' iareoo fa tsy ho tolorañe fanañañe e Israele ao;
Zaho ro fanaña' iareo. [29] Ho kamae' iereo ty enga-mahakama, naho ty engan-kakeo,
naho ty engan-tahiñe, vaho ho a iareo ze raha natokañe e Israele ao. [30] Le ho a o
mpisoroñeo ze hene karazan-doha-voa, naho ze fonga enga ndra inoñe ty karaza'e
boak'amo enga' areo iabio; hatolo' areo amo mpisoroñeo ka ty loha-voa fanoñaha'
areo, soa te hipetak' añ'anjomba' areo ty fañanitsiñe. [31] Tsy ho kamae' o mpisoroñeo
ty raha nimate boboke ndra rinimitse, he voroñe ke biby.

# 45

[1] Ie zarae' areo an-tsapake i taney ho lova, le havike amy taney ty hatolotse ho
miavake am' IEHOVÀ: ty andava'e ho kiho ro-ale-tsi-lime-arivo naho rai-ale ty am-
pohe'e; hiavake pak'añ'efe'e valo zay. [2] Avahañe ama'e ty efa-mira ho a i toetse
miavakey, liman-jato naho liman-jato, tsaratseake izay ; vaho hiarikatoke aze ty
limampolo kiho ho toetse malalake. [3] Amy zinehey, anjeheo ro-ale-tsi-lime-arivo ty
an-dava'e, naho rai-ale ty am-pohe'e hiavake do'e fa ama'e ao i toetse miavakey.
[4] Zay ty hiavake amy taney, tane ho a o mpisoroñeo, o mpitoroñe i toetse miavakey
jinoboñe hiatrake IEHOVÀO; ho toetse hanoeñe anjomba, naho toetse miavake ho a' i
toetse miavakey. [5] Tovo izay, ty ro'ale-tsi-lime-arivo, naho ty rai-ale ho ampohe'e ho
a o nte-Levio, o mpitoloñe amy anjombaio, ho hanañaña'e, naho trañom-pigaritse
roapolo.
[6] Ho tendrè' o hañeneke i anjomba' Israeley ty anjara fanaña' i rovay ho lime-arivo
ty am-pohe'e naho ro-ale-tsi-lime-arivo ty an-dava'e mifamalahañe amy navike ho a
i toetse miavakeiy.

7 Le ho a i roandriañey ty tane mifañefetse amy toetse miavakey naho amy fanaña’
i rovay, añ’ila roe irezay, oza’e i navike ho a’ i toetse miavakeiy naho i fanaña’ i rovaiy,
mañandrefañe pak’ amy efe-tane ahandrefañey, naho maniñana pak’ amy efe-tane
atiñanañey, ty halava’e ho mira ami’ty halavam-pizaràñe raike mifototse amy efe’e
ahandrefañey pak’ añ’ efe atiñanañey. 8 Ho fanaña’e e Israele ao i tane zay. Le tsy
ho forekekè’ o roandriakoo ondatikoo henane zay; fa hatolo’ iareo amy anjomba’
Israeley i taney ty amo fifokoa’eo.
9 Aa hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè, Soa zay ry roandria’ Israeleo! Apoho ty
samporeràhañe naho ty famorekekeañe, ano ty hiti’e naho ty havantañañe; ajihero
ty fandroaha’ areo ondatikoo, hoe t’IEHOVÀ Talè. 10 Ho balantsy to, efà do’e naho
bàte do’e ty hitoloña’ areo. 11 Ho fañarañañe mira ty efà naho ty bàte, ho fahafolo’
ty homère ty bàte vaho fahafolo’ ty homère ka ty efà; fañarañañe foto’e ty homère.
12 Ho roapolo gerà ty sekele; le sekele roapolo naho sekele roapolo-lim’ amby vaho
sekele folo-lim’ amby ty hatao’areo manè.
13 Zao ty ho enga hengae’ areo: ty fah’ enen’ efà boak’ ami’ty homèrem-bare bolè,
naho ty fah’ enen’ efà boak’ ami’ty homere ampemba. 14 Le ty fañè’ o menakeo
ty bate: hengae’ areo ty faha-folo’ ty bàte boak’ ami’ty kore (folo ty batè ama’e),
toe homère raike zay, amy te folo bàte ty homere; 15 naho anak’ añondry raike
boak’ ami’ty lia-raike roan-jato, hirik’ amo fiandraza’ Israele soa tondrakeo; ho
engam-bare naho engan-koroañe, naho engam-panintsiñañe, hañeferañe iareo, hoe
t’IEHOVÀ Talè. 16 Songa hañenga i enga zay amy roandria’ Israeley ondaty amy taneio.
17 Ho lili’ i roandriañey ty hanolotse o engan-kolorañeo naho o enga mahakamao,
naho o enga-ranoo amo sabadidakeo naho amo jiri-bolañeo vaho amo SABOTSEO;
ze hene famantañañe an-tsa’e tinendre ho a i anjomba’ Israeley, le ie ty hanolotse
o engan-kakeoo naho o enga-mahakamao naho o enga horoañeo, vaho o engam-
panintsiñañeo, hañefera’e ty anjomba’ Israele.
18 Hoe t’IEHOVÀ Talè: Ho rambese’ areo amy andro valoham-bolañey ty bania tsy
aman-kandra hañefera’o i toetse miavakey. 19 Le handrambe amy lio’ i engan-kakeoiy
i mpisoroñey vaho hatente’e amo tolàn-kivohoo naho an-kotsok’ efa’ i faha’ i kitreliy
rey, naho amo tolà’ i lalan-kiririsa añate’eio. 20 Ano zay ka amy andro faha-fitoy ho
amo nandilatse iabio naho ho amy tsotray; zay ty hijebaña’ areo i kivohoy.
21 Amy andro faha-folo-efats’ ambi’ i volam-baloha’eiy, ty hanoa’ areo i Pasakey,
ho takataka fito andro; fa mofo tsy aman-dalivay ty ho kamaeñe. 22 Amy andro zay
ty hanolora’ i roandriañey ho aze naho ho a ze hene’ ondati’ i taney ty bania soron-
kakeo. 23 Hañajaria’e enga hisoroñañe am’ IEHOVÀ amy andron-tsabadidake fito rey,
le bania fito, naho añondri-lahy fito tsy aman-kila boak’ andro amy andro fito rey;
vaho ty oselahy boak’ andro ho engan-kakeo. 24 Le songa hajarie’e engan’ ampemba
efà raike i bania rey, sindre efà raike i añondrilahy rey, naho sambe hine menake
raike ty efà’e.
25 Ie ami’ty andro fahafolo-lim’ ambi’ i volañe faha-fitoy, t’ie hañenga manahake
i tsaraeñey amy sabadidake fito àndroy ty engan-kakeo, o engan-kolorañeo, i
ampembay, vaho i menakey.

# 46

1 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè: harindriñe amo andro eneñe fitoloñañeo i lalam-
bein-kiririsa añate’e miatrek’ atiñanañey; le ho sokafeñe ami’ty andro Sabotse; ho
sokafeñe ka re ami’ty andron-jiri-bolañe. 2 Hizilik’ amy anam-pizilihañe alafe’ i
lalambeiy i roandriañey naho hijohañe marine i tolà’ i lalambeiy; le halankàñe’ o
mpisoroñeo i engan-koroañey naho i engam-panintsiña’ey, le hitalaho amy fiziliha’ i
lalambeiy eo re, vaho hienga mb’eo, fe tsy harindriñe ampara’ te hariva i lalambeiy.

3 Manahake zay ty hitalahoa’ ondati’ i taneio an-dala’ i lalambeiy añatrefa’ IEHOVÀ
eo amo SABOTSEO vaho amo peabolañeo. 4 Anak’ añondry eneñe tsy aman-kandra
naho ty añondrilahy tsy aman-kila ro hengae’ i roandriañey horoañe am’ IEHOVÀ
ami’ty andro SABOTSE. 5 Ho efà raike ty engan’ ampemba amy añondrilahiy, naho
hengae’e ze tea’e amo anak’ añondrio, vaho arahe’ ty hine menake ty efà. 6 Le ho
bania tsy aman-kandra, naho vik’ añondry eneñe vaho ty añondrilahy, songa tsy
aman-kila, ty hengaeñe amy andro valoham-bolañey. 7 Hajarie’e ampemba efà raike
i baniay, naho efà’ raike i añondrilahiy, naho ze zoem-pità’e o vik’ añondrio, vaho
songa hine menake raike ty efà. 8 Aa ie mizilik’ ao i roandriañey, le amy anam-
piziliha’ i lalambeiy ty iziliha’e vaho ie ka ty hienga’e.

9 Fa naho miheo mb’añ’atrefa’ IEHOVÀ mb’eo amo andro namantañañeo ondati’ i
taneio le ze mizilik’ an-dalambey avaratse ao hitalaho ro hiavotse mb’ amy lalambey
atimoy mb’eo; naho ze mizilike an-dalambey atimoy ro hiavotse mb’ an-dalambey
avaratse mb’eo; tsy hibalike mb’amy lalambey niziliha’ey re, fa i tandrife azey ty
hiavota’e. 10 Aa naho i roandriañey, amy fimoaha’ iareoy ty iharoa’e fizilike; naho
amy fiavota’ iareoy ty hienga’e.

11 Amo takatakao naho amo sabadidake namantañañeo, le ampemba efà raik’
ami’ty bania ty hengaeñe, naho songa efà raike ty añondrilahy naho ze tram-pità’e
ho a o anak’ añondrio; sindre menake hine raike ty efà. 12 Aa ie banabanae’
i roandriañey ty engan-tsatrin’ arofo’ey, ndra te engan-koroañe ndra sorom-
panintsiñañe ty engae’e am’ IEHOVÀ an-tsatri’e, le ho sokafeñe ho aze i lalambey
miatrek’ atiñanañey, le halankañe’e i engan-koroa’ey naho i sorom-panintsiña’ey,
hambañe amy sata’e ami’ty andro Sabotsey, le hienga, vaho harindri’ iareo i
lalambeiy t’ie fa nienga.

13 Halankaño boak’ andro ty engan-koroañe am’ IEHOVÀ, ty vik’ añondry tsy aman-
kandra, hajario boak’ andro maraindraiñe. 14 Ihalankaño boak’ andro ka ty engan’
ampemba, ty am-paha-ene’ ty efà naho ty menak’ am-paha-telo’ ty hine ihanaña’ i
bon’ ampembay, ho enga-mahakama am’ IEHOVÀ nainai’e naho fañè tsy modo. 15 Zay
ty hañajariañe ty anak’ añondry naho i engan’ ampembay vaho i menakey boak’
andro ho engan-koroañe nainai’e.

16 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ Talè; Ie atolo’ i roandriañey anjara ty ana’e le ho lova’e
zay; ho a o ana’eo amy t’ie fanañañe linova. 17 Fe atolo’e ami’ty mpitoro’e i
lova’ey, le ho aze am-para’ ty taom-pamotsorañe vaho himpoly amy roandriañey;
f’ie ampandova’e amo ana’eo le a iareo zay. 18 Tsy handrambe ami’ty lova’ ondatio
i roandriañey; tsy hamorokeke ty amy lova’ iareo; fe boak’ amy lova’ey avao ty
hatolo’e amo ana’eo, tsy mone havik’ amo lova’eo ondatikoo.

19 Aa le nampizilihe’e amy fizilihañe añ’ila’ i lalambeiy raho; mb’amo efets’
efetse miavake ho a’ o mpisoroñe miatrek’ avaratseo; le ingo ty toetse am-boli’e
eo mañandrefañe. 20 Le hoe re tamako: Atoy ty fahandroa’ o mpisoroñeo o engan-
kakeoo naho o soron-tahiñeo, naho ty hanoñafa’ iareo o engan’ ampembao, soa tsy
añandesañe mb’an-kiririsa alafe’e ao, hampiavake ondatio.

21 Nendese’e mb’an-kiririsa alafe’e mb’eo raho, vaho niaoloa’e am-piariañe i
kotsok’efa’ i kiririsay rey; ingo te songa aman-toetse i hotsoke rey: 22 an-kotsok’efa’ i
kiririsay le toetse mitafo sambe kiho efapolo ty andava’e naho telopolo ty am-pohe’e;
mira habey i toetse efatse an-kotsoke rey. 23 Añate’e ao, añariari’ i toetse efatse
rey le niarikatohe’ ty kijolim-bato, naho nandrafetañe toem-panokonañe ty am-poto’
o kijolio. 24 Le hoe re tamako: Toem-panokoñe ahandroo ty ao, ho fahandroa’ o
mpitoro’ i kivohoio o fisoroña’ ondatioo.

# 47

1 Nendese'e nibalike mb' am-piziliha' i kivohoy mb'eo raho; le ingo te nikararàke
boak' ambanen-tokona' i kivohoy ty rano, maniñanam-beo, amy te miatrek'
atiñanañe i kivohoy; naho nidoandoañe boak' atimo' i kitreliy i ranoy, ambane'
ty rindry atimo' i kivohoy. 2 Aa le nampiakare'e mb'amy lalambey avaratsey raho,
naho niaoloa'e niary mb'amy lalambey alafe'e miatrek' atiñanañey; vaho ingo i rano
nitsiritsioke boak'añ'ila'e atimoy.
3 Nionjoñe mb'atiñanañe mb'eo indatiy reketse taly am-pità'e, nanjehe kiho arivo
naho niaolo ahy nitsake i ranoy; an-tsokose eo ty halale' o ranoo. 4 Nanjehe kiho arivo
indraike re, naho niaolo ahy nitsake i ranoy; añ'ongotse eo i ranoy. Mbore nanjehe
kiho arivo vaho niaolo ahy nitsake i ranoy; ambania eo i ranoy. 5 Nanjehe kiho arivo
indraike re, le nisorotombake tsy nahafitsahako, fa nionjoñe i ranoy; rano mañeva
lañoeñe, fa saka tsy lefe soroheñe. 6 Le hoe re tamako: O ana' ondatio, isa'o hao?
Vaho nampibalihe'e mb'añ'olo' i sakay mb'eo raho. 7 Aa naho nampibaliheñe, le
hehe te hatae maro ty añ'olo' i oñey etoy naho eroy. 8 Le hoe re amako, Mikararake
mb' an-tane atiñanañe añe o rano retoa, aa ie mizotso mb'amy Arabà mb'eo naho
mandoak' an-driak' añe, amy riake mitrotròtsey ao, le ho jangañe i ranoy. 9 Ie
amy zay, ho veloñe ze fifamorohotañe ndra aia'aia andenà' o rano retìañe; fiañe
vasiañeñe ty ho ao, fa ty fañamelañañe ze he'e ty ikararaha' o rano retoam-b'etoy;
vaho ho hene veloñe ze takare' ty oñe toy. 10 Ie amy zay, hijohañe añ'olo'e eo o
mpamintañeo; boak' Engedy[*] pak' Eneglaime[†] ty ho famelaran-karato; naho ho maro
karazañe manahake o fiañe an-driake beio, ami'ty fitozantoza'e. 11 Fe tsy ho melañe
ka o tane'e mangitsakitsakeo naho o motsemotse'eo, fa ho famokaran-tsira. 12 Hitiry
añ'olo' i oñey etoy naho añ'olo'e eroy ze hene hatae mete kamaeñe, tsy hiheatse o
rave'eo, naho tsy hihintsañe o voa'eo; ho añom-boa boa-bolañe amy te boak' an-
toetse miavake ao o rano'eo; ho fikamañe o voa'eo, naho ho aoly o rave'eo.
13 Hoe ty nafè' Iehovà Talè: Zao ty ho efe-efe' o tane ho zarae' areo amo fifokoa
folo-ro'ambi' Israeleo ho lova'e amy taneio; roe ty ho anjara' Iosefe. 14 Le ho lovà'
areo, ty raike naho ty ila'e, ty amy nañonjonako haokey t'ie tsy mete tsy hatoloko
an-droae' areo; aa le mitsatok' ama' areo ty tane toy ho lova.
15 Itoy ty ho efe' i taney: mañavaratse boak'amy riake jabajabay, miary e Ketlone[‡],
pak'ami'ty fimoahañe e Tsedade[§], 16 i Kamate[*], i Berotate[†], i Sibraime[‡] (añ'ila' i
Damesèke naho añ' ila' i Kamate eo); vaho i Katsarehatikone[§] añ'olo' i Kavrane[*] añe.
17 Ty efe'e boak' amy riakey ty hifototse e Katsarenone[†] le mb' añ' efe' i Damesèke;
le avaratase, mañavaratse ty efe-tane' i Kamate, zay ty ho ila'e avaratse.
18 Le ty efe'e atiñanañe, añivo' i Kavrane naho i Damesèke naho i Gilade[‡] naho an-
tane Israele mañolotse Iordaney; miranga boak' an-driak' atiñanañe pake Tamare[§];
zay ty ho efe'e atiñanañe.
19 Le ty efe'e atimo: boak'e Tamare pak' an-tane manginakina' i Meribà e Kadese[*]
mañolotse i torahañe mb' an-driake jabajabay mb'eo; zay ty efe'e atimo.
20 Ty efe'e ahandrefañe: le i riake jabajabay ty ho efe'e ampara' te tandrife i jebam-
bohi' i Kamatey. Zay ty ho efe'e ahandrefa.

---

[*] **47:10** Engedy: rano migoangoa' i anak' añondriy: añ'olotse ahandrefa i riake matey [†] **47:10** Eneglaime: rano migoangoa' i bania roe rey: rova añ'olo i riake matey [‡] **47:15** Ketlone: kivoho mahahembañe [§] **47:15** Tsedade: Ila'ey; i fitsindroha'ey [*] **47:16** Kamate: haboseha; hatrovoha; kijoly [†] **47:16** Berotate: ty ana' i Havilasy [‡] **47:16** Sibraime: fiovañe; fandrohizañe [§] **47:16** Katsarehatikone: kiaolo aivo; fihentseña [*] **47:16** Kavrane: loake; fidadañe; hafotiañe [†] **47:17** Katsarenone: kialo aman-drano [‡] **47:18** Gilade: ty votrim-pitalily [§] **47:18** Tamare: Satrañe [*] **47:19** Kadese; hamasinañe

21 Ifanjarao ama’ areo i taney, amo fifokoa’ Israeleo. 22 An-tsapake ty anjarañe
aze, ho lova’ areo naho a o renetane† mañialo ama’ areoo, o fa nahatoly anak’ ama’
areoo, le volilio ho nte-Israele, hiharo lova ama’ areo amo fifokoa’ Israeleo. 23 Ho
tolora’ areo lova amy fifokoañe añialoa’ey o rene-taneo, hoe t’IEHOVÀ Talè.

## 48

1 Zao ty tahina’ o fifokoañeo: Boak’añ’ila’e avaratse mañorike ty lala’ i Ketlone, hirike Kamate, pake Katsernane—zay ty efe’ i Damesèke le avara’e ty Kamate—boak’ amy atiñanañey pak’ amy Riakey ty a’ i Dane—raike.

2 Mifoza amy Dane, ty efe’e atiñanañe pak’añ’efe’e ahandrefa, amy Asere—raike.

3 Mioza añ’efe’ i Asere, boak’amy efe’e atiñanañey pak’añ’efe’e ahandrefa amy Naftaly—raike.

4 Mifañefetse amy Naftaly ty efe’e atiñanañe pak’añ’efe’e ahandrefa amy Menasè—raike.

5 Mifañefetse amy Menasè boak’ amy efe’e atiñanañey pak’añ’efe’e ahandrefa amy Efraime—raike.

6 Mifañefetse amy Efraime boak’ amy efe’e atiñanañey pak’añ’efe’e ahandrefa amy Reobene—raike.

7 Mifañefetse amy Reobene boak’ amy efe’e atiñanañey pak’añ’efe’e ahandrefa ty a’ Iehodà—raike.

8 Mifañefetse am’Iehodà boak’amy efe’e atiñanañey pak’añ’efe’e ahandrefa ty havì’ areo: ro’ale-tsi-lime-arivo ty am-pohe’e, le mira amo lova ila’eo ty an-dava’e: boak’amy efe’e atiñanañey pak’añ’ efe’e ahandrefa; añivo’e ao i toetse miavakey.

9 Ty havì’ areo ho a’ IEHOVÀ le ro’ale-tsi-lime-arivo ty an-dava’e naho rai-ale ty am-
pohe’e. 10 Ama’e ao ty anjara miavake ho a’ o mpisoroñeo, ro’ale-tsi-lime-arivo ty
avara’e, naho rai-ale ty ahandrefa’e naho rai-ale ty atiñana’e vaho ro’ale-tsi-lime-
arivo ty atimo’e; añivo’e ao i toetse miavake ho a’ IEHOVÀ, 11 ie ty ho a’ o mpisoroñe
ana’ i Tsadoke navaheñeo, ie nahafitambozòtse o fepèkoo naho tsy nandrifik’ amy
nandrifiha’ o nte-Israeleoy, amy nandrifiha’ o nte-Levio; 12 ho anjara miavake do’e
ho a’ iereo i tane natolotsey, naho ioza’e ty a’ o nte-Levio.

13 Le amo nte-Levio i mioza an-tane’ o mpisoroñeoy: ro’ale-tsi-lime-arivo ty an-
dava’e naho rai-ale ty am-pohe’e; ho ro’ale-tsi-lime-arivo ty andava’e naho rai-ale ty
am-pohe’e. 14 Tsy haletake, tsy hatsaloke, tsy hafindra ty tane fanjàka toy; fa a IEHOVÀ,
toe miavake.

15 I lime-arivo sisa am-pohe’e eoy, ie ro’ale-tsi-lime-arivo ty andava’e, ty hatao
tane tsotra ho a’ i rovay, ho fimoneñañe, ho tameañe; le añivo’e ao i rovay.
16 Le zao ty ho zehe’e: ty ila’e avaratse efats’ arivo-tsi-liman-jato, le efats’ arivo-
tsi-liman-jato ty atimo; le efats’ arivo-tsi-liman-jato ty atiñanañe; vaho efats’ arivo-
tsi-liman-jato ty ahandrefa. 17 Roanjato-tsi-limampolo ty ho amparipari’ i rovay
mañavaratse, naho roanjato-tsi-limam-polo mañatimo, naho roanjato-tsi-limam-polo
ty maniñanañe naho roanjato-tsi-limam-polo ty mañandrefañe. 18 Ty sisa rai-ale
maniñana naho rai-ale mañandrefa mioza ami’ty andava’ i navike ho miavakey; le
ho famahanañe mahakama amo mpitoloñe an-drovao. 19 Hiava aze o mpitoroñe
an-drova ao boak’ amo hene fifokoa’ Israeleoo. 20 I hene ro’ale-tsi-lime-arivo naho
ro’ale-tsi-lime-arivo efa-miray ro haambake ho a’ i toetse miavakey naho ho a i rovay.

21 Ho a i roandriañey ty sisa’e: ty añ’ila’e roe’ i toetse miavakey miharo amy rovay, aolo i ro’ale-tsi-lime-arivo’ i anjara mb’amy efe’e atiñanañe añey, vaho mañandrefañe aolo i ro’ale-tsi-lime-arivo pak’añ’efe’e ahandrefa; mioza amo anjara’ o fifokoañeo; zay ty amyi roandriañey, añivo’e ao i navike ho a i miavakey rekets’ i

† 47:22 Isa 14:1, 56:6-8, Rom 11:17-26, Efe 2:19, 3:6, Apo 21:12

toe' i kivoho miavakeiy. 22 Le ho añivo' ty tane' i roandriañey ty tane o nte-Levio naho
ty tane' i rovay. Ty sisa añivo' ty tane' Iehodà naho i Beniamine ro a i roandriañey.
23 Le o ila' o fifokoañeo: Ho a i Beniamine, ty boak'añ'efe'e atiñana pak'añ'efe'e
ahandrefa—raike; 24 mioza an-tane' i Beniamine ty efe'e atiñanañe pak'añ'efe'e
ahandrefa amy Simone—raike.
25 Mioza an-tane' i Simone ty efe'e atiñanañe pak'añ'efe'e ahandrefa, am' Isakare—
raike.
26 Mioza amy tane' Isakare boak' añ'efe'e atiñanañey pak'añ'efe'e ahandrefa, amy
Zebolone—raike.
27 Mioza an-tane' i Zebolone boak' añ'efe'e atiñanañey pak'añ'efe'e ahandrefa,
amy Gade—raike.
28 Ty efe' i Gade le ty ila'e atimo mañatimo, amy Tamare pak'an-drano' i Meribà-
Kadese mb'amy torahañey vaho pak' an-driake jabajaba añe.
29 Ie i tane ho zarae' areo an-tsapak' am-pifokoa' Israele ho lova' iareo, vaho zay
ty fizarañe aze, hoe t'IEHOVÀ Talè.
30 O fiavotañe amy rovaio: mañavaratse le kobay efats' arivo-tsi-liman-jato ty
zehe'e. 31 Ho tokaveñe amo tahinam-pifokoa' Israeleo o lalambein-drovao*; ty
lalambey telo avaratse: ty lalam-bei' i Reobene, raike; ty lalambei' Iehodà, raike;
naho ty lalambei' i Levy, raike.
32 Naho atiñanañe: kobay efats' arivo-tsi-liman-jato naho lalambey telo; ty
lalambei' Iosefe, raike, ty lalambei' i Beniamine, raike, ty lalambei' i Dane, raike.
33 Naho atimo, efats' arivo-tsi-liman-jato, naho lalambey telo; ty lalambei' i Simone,
raike; ty lalambei' Isakare, raike; ty lalambei' i Zebolone, raike.
34 Naho ahandrefa, efats' arivo-tsi-liman-jato, naho lalambey telo; ty lalambei' i
Gade, raike; ty lalambei' Asere, raike; ty lalambei' i Naftaly, raike.
35 Kobaiñe rai-ale-tsi-valo-arivo ty mañarikatoke aze, le ho tokaveñe ty hoe ty
añara' i rovay:
Ama'e ao t'IEHOVÀ.†

* **48:31** Iek 47:22-23, Apo 21:12 † **48:35** Iek 43:7,9, Isa 24:23, Apo 21:3, 22:3

# Daniele

1 Tamy taom-paha-telo’ Iehoiakìme* mpanjaka’ Iehodày, le nionjomb’e Ierosa-
laime† mb’eo t’i Nebokadnetsare‡ mpanjaka’ i Bavele vaho niarikoboñe’e. 2 Natolo’
i Talè am-pità’e t’Iehoiakime, mpanjaka’ Iehodà reketse ty ila’ o fàna’ i anjom-
ban’Añahareio vaho nendese’e mb’añ’akiban-drahare’e an-tane Sinare añe, naho
nazili’e an-drihan-kibohon-drahare’e ao o fanakeo. 3 Le nisaontsie’ i mpanjakay amy
Aspenaze§, mpifehem-pitoro’e, ty hañandesa’e ana’ Israele naho tirim-panjàka vaho
ana-donake; 4 ze ajalahy tsy aman-kila tsy aman-kandra, maràm-bintañe, naòke amy
ze atao hilala, mahihitse am-paharendrehañe naho mahimbañe am-pitsikarahañe
naho maozatse am-batañe hahafijohañe añ’ anjomba’ i mpanjakay vaho haòke ami’ty
fanokirañe naho fisaontsi’ o nte Kasdìo. 5 Le tinendre’ i mpanjakay ho a’ iareo ty
anjara boak’ andro amo raha mafiri’ i mpanjakaio naho amy divay fikama’ey; zay ty
famahanañe iareo telo taoñe, soa t’ie modo le hiatrake i mpanjakay. 6 Am’ iereo o
ana’ Iehodào: i Daniele*, i Kananià†, i Misaele‡ vaho i Azarià§; 7 le tinolo’ i mpifehe’
o mpitoroñeoy añarañe: natolo’e amy Daniele ty hoe Beltsatsare*; le amy Kananià ty
hoe: Sadrake† naho amy Misaele ty hoe: Mesàke‡ vaho amy Azarià ty hoe: Abednego§.
8 Fe naereñere’ i Daniele an-troke te tsy handeo-batañe amy anjara mahakama’ i
mpanjakaiy naho amy divay fikama’ey; aa le nihalalie’e i mpifehem-pitoroñey t’ie
tsy handeo-batañe. 9 Ie amy zao, natolon’Añahare amy Daniele, añamy mpifehem-
pitoroñey, fiferenaiñañe naho falalàñe. 10 Le hoe i mpifehem-pitoroñey amy Daniele,
añeveñako i talèko mpanjakay, ie fa nanendre ty mahakama’ areo naho ty finoma’
areo; amy t’ie mahaisake ty lahara’ areo monjemonjetse te amo ajalahi’e ila’e
mitraoke’ ama’ areoo, le ho ozoñe’ areo ty lohako añatrefa’ i mpanjakay. 11 Aa le
hoe t’i Daniele amy Meltsare*, nampifeleha’ i mpifehem-pitoroñey i Daniele naho
i Kananià, i Misaele, vaho i Azarià, 12 Ehe, venteo heike ami’ty andro folo abey o
mpitoro’oo, le fahano añañe ho fihina’ay naho rano ho finome’ay. 13 Le ampisarieñe
añatrefa’o eo henane zay o tarehe’aio naho ty lahara’ o ajalahy mpikama amy anjara’
i mpanjakaio; le ano ty amy hahaoniña’o o mpitoro’oo. 14 Aa le niantofa’e, vaho
niventè’e andro folo; 15 ie nimodo i folo àndroy, le nisoa vintañe naho sometsetse ty
sandri’ iareo te amo ajalahy nihinañe ami’ty anjara mahakama’ i mpanjakaio. 16 Aa
le nasita’ i mpiatrakey ty anjara mahakama naho divay ho namahana’e iareo vaho
nanjotsoa’e vokan-teteke.
17 Le tinolon’ Añahare hilala naho hihitse amy ze atao taratasy naho fitsikarahañe
i ajalahy efatse rey; mbore naharendreke ze aroñaroñe naho nofy iaby t’i Daniele.
18 Naho nitampetse i andro natao’ i mpanjakay ho faneseañe iareo rezay, le
nampihovà’ i mpifehem-pitoroñey añatrefa’ i Nebokadnetsare eo. 19 Nifanaontsy am’
iereo i mpanjakay, fe tsy teo ty nañirinkiriñe i Daniele naho i Kananià naho i Misaele
vaho i Azarià; aa le nijohañe añatrefa’ i mpanjakay iereo. 20 Nioni’ i mpanjakay
te nilikoare’ iereo im-polo ze hene ambiasa naho mpañorik’andro am-pifehea’e ao
ami’ty hihitse naho hilala. 21 Nitoloñe ao ampara’ty taom-baloha’ i Korese t’i Daniele.

* **1:1** Iehoiakime: haonjo’ IEHOVÀ † **1:1** Ierosalaime: aroñarom-panintsiñañe ‡ **1:1** Nebokadnetsare: ranomaso/fitoreo-jaka § **1:3** Aspenaze: fiovañe * **1:6** Daniele: A’hare mpizaka ahy. † **1:6** Kananià: Falalañe; fitretrezañe ‡ **1:6** Misaele: paiañe, nisongoeñe § **1:6** Azarià: ie antetse; famongora’ ondatio * **1:7** Beltsatsare: mañaja vara añ’etake † **1:7** Sadrake: maleme; loha-nono ‡ **1:7** Mesake: mitarik’ an-kaozarañe § **1:7** Abednego: mpitoron-kazavañe; miloeloe * **1:11** Meltsare; mpamandroñe; mpiatrake

# 2

[1] Ie tan-taom-paharoe' ty fifehea' i Nebokadnetsare, le nañinofy t'i Nebokadnetsare,
naho nembereñe ty arofo'e vaho nibioñe ty firota'e. [2] Aa le linili' i mpanjakay
te songa koiheñe o ambiasao naho o mpañorik' androo vaho o nte-Kasdio, hanoro
o nofi'eo amy mpanjakay. Aa ie nimbeo nijohañe añatrefa' i mpanjakay eo, [3] le
hoe i mpanjakay am' iereo: Nañinofy raho, vaho angareñe ty troko haharendreke
i nofiy. [4] Aa le nisaontsy amy mpanjakay o nte-Kasdio an-tsaontsi' Arame ty
hoe: Ry mpanjaka, lava-ohatse; taroño amo mpitoro'oo i nofiy vaho hirazaña'ay.
[5] Tinoi' i mpanjakay amo nte-Kasdio ty hoe: Fa mijadoñe ty nisafiriako, naho tsy
ampahafohineñ' ahy i nofiy naho ty fandrazañaña'e, le ho tseratseraheñe nahareo
vaho hanoeñe votren-deotse o akiba' areoo. [6] F'ie atoro' areo i nofiy naho i
fandrazaña'ey le handrambe tambe naho ravoravo naho asiñe ra'elahy amako; aa
le atorò i nofiy naho i fandrazaña'ey. [7] Nanoiñe fañindroe'e iereo, ami'ty hoe: Ehe
te hataro' i mpanjakay amo mpitoro'eo i nofiy, vaho ho razañe'ay. [8] Nanoiñe ty
hoe amy zao i mpanjakay : Apotako an-katò t'ie manao jomà-lava, fa oni' areo te
nihelañe amy tiahikoy. [9] Aa naho tsy ampahafohineñe ahy i nofiy, le raik' avao
ty hizakàñe anahareo, amy te vata'e mañentseñe lañitse naho talily mengoke ho
lañonà' areo amako, hañovàñe i rahay; aa le taroño amako i nofiy handrendrehako
hera ho razañe' areo. [10] Le tinoi' o nte-Kasdio amy mpanjakay, ty hoe, Leo raik'
am' ondati' ty tane toio tsy hahafiboak' i raha' i mpanjakaiy ama'e, fa mbe lia'e
tsy nañontaneam-panjaka ami' ty ambiasa ndra mpañandro ndra nte-Kasdy ndra
roandria ndra mpifeleke ty manahake zay. [11] Toe raha tsitantane ty paia' i mpanjakay,
vaho tsy eo ty mahafanoro aze amy mpanjakay naho tsy o anjelio, ie tsy mitrao-
pimoneñe ami'ty nofotse. [12] Niviñetse amy zao i mpanjakay le niforoforo vaho linili'e
te ho fonga mongoreñe ze ondaty mahihitse e Bavele ao. [13] Naboele i tsey zay naho
ho navetrake ondaty mahilalao, vaho pinai' iareo ka t'i Daniele naho o mpiama'eo
havetrake.
[14] Nañàvohavo an-kihitse amy Arioke* mpifehem-pigarim-panjakay t'i Daniele, ie
fa nionjoñe hanjamañe ondaty mahilala' i Baveleo; [15] nisaontsie'e ty hoe amy Arioke
mpifele' i mpanjakay: Akore hao te taentaeñe i lili' tsinei' i mpanjakay? Aa le
nampahafohine' i Arioke t'i Daniele. [16] Nimoak' ao amy zao t'i Daniele, nihalaly
amy mpanjakay hanolora'e andro handrazaña'e amy mpanjakay. [17] Nimb'añ' akiba'e
mb'eo amy zao t'i Daniele, nampahafohiñe i mpiama'e rey: i Kanania naho i Misaele
vaho i Azarià, [18] hihalalia' iareo fiferenaiñañe amy Andrianañaharen-dikerañey ty
amy raha mietakey, soa tsy ho fonga mongoreñe miharo am' ondaty mahilala ila'e e
Baveleo t'i Daniele naho i mpiama'e rey. [19] Naboak' amy Daniele añ' aroñaron-kaleñe
i nietakey vaho nandriañe'e t'i Andrianañaharen-dikerañe. [20] Hoe t'i Daniele:
Andriañeñe nainai'e donia
ty tahinan'Añahare,
fa Aze ty hihitse naho haozarañe;
[21] Ie ty minday fañovan'andro naho sà:
manitake mpifehe naho
mampijadoñe mpifeleke;
toroa'e hihitse ty mahihitse naho
hilala o mahilalao;
[22] aboa'e ty miheotse naho ty mietake;
arofoana'e o añ'ieñeo,
vaho imoneñan-kazavàñe.
[23] Ihe ry Andrianañaharen-droaeko,

* **2:14** Arioke: Abo, lava, ra'elahy

ty isolohoako naho anolorako engeñe
amy te tinolo'o hihitse naho haozarañe,
le nitoroa'o henaneo i nihalalia'ay,
ami'ty naboa'o ama'ay
ty enta' i mpanjakay.

24 Ie amy zao, nimb'amy Arioke, i nafanto' i mpanjakay hamono o mahihitse
e Baveleoy mb'eo t'i Daniele nanao ty hoe: Ko zamaneñe o mahihi' i Baveleo;
aseseo amy mpanjakay raho, hanoroako aze i fandrazañañey. 25 Aa le nendese'
i Arioke mb'añatrefa' i mpanjakay mb'eo amy zao t'i Daniele le nanoa'e ty hoe:
fa nahatrea ondaty amo mpirohi' Iehodào raho ze hampahafohiñe i mpanjakay i
fandrazañañey. 26 Tinoi' i mpanjakay ty hoe amy Daniele natao Beltesatsarey: Ihe
hao ty hahafandrendrek ' ahy i nofy nitreakoy naho i fandrazaña'ey? 27 Nanoiñe
ty hoe aolo' i mpanjakay t'i Daniel, Ty ipaia' i mpanjakaiy, le tsy mahafiboak' aze
amy mpanjakay ty mahihitse ndra mpañandro ndra ambiasa ndra mpitoky; 28 fe
andikerañe ao t'i Andriananañahare mpampiborake raha tsitantane; Ie ty nampiboak'
amy Nebokadnetsare mpanjaka o raha hifetsak' amo andro honka'eoo. Zao ty nofi'o,
naho o aroñaron' añambone'oo t'ie tam-pandreañe ao: 29 Ihe ry mpanjaka, an-
tihi'o eo te nonjoneñe o ereñere'oo haharendreke ze hifetsak' amy añey, vaho
nampibentatse o hifetsakeo i Mpampiborake o tsikentañeo. 30 Aa naho amako,
tsy ho nahaborake i mietakey amy ze hihitse mete ho amako mandikoatse ze amo
veloñe iabio, fe hatoroko amy mpanjakay i fandrazañañey hahafohina'o o ereñeren'
arofo'oo.

31 Nahatrea saren-draha jabajaba rehe, ry mpanjaka. Toe ra'elahy ty habei' i
sarey vaho losotse ty fireandrea'e, ie nijohañe añ'atrefa'o eo, mbore nampañeveñe
i sandri'ey. 32 Volamena ki'e ty loha' i sarey, volafoty ty tratra'e naho o sira'eo;
torisìke ty tro'e naho o tòha'eo; 33 viñe o kitso'eo vaho nizara o tombo'eo, ty ila'e
viñe naho tane lietse ty ila'e. 34 Nisambae'o le nihatsafeñe tsy am-pitàñe ty vato
namofoke o tomboke viñe naho lietseo, nampidemoke iareo. 35 Le nivolentsa amy
zao i viñey, i lietsey, i torisìkey, i volafotiy, vaho i volamenay; manahake o kafo'e
an-tane-panongañ' asarao; nasio' i tiokey mb'eo, le ndra loli'e tsy nitendreke ka. Le
nitombo ho vohitse mitiotiotse nahalifotse ty voatse toy i vato nidoiñe amy rahaiy.
36 Zay i nofiy, le ho taroñe'ay ama'o i fandrazaña'ey.

37 Mpanjakam-panjaka rehe ry mpanjaka, amy te natolon' Añaharen-dikerañe azo,
ty fifeheañe, ty haozarañe, ty hafatrarañe, vaho ty engeñe. 38 Le natolo'e am-pità'o
ze hene fimoneña' o ana'ondatio, o biby an-kivokeo, naho o voron-dikerañeo; vaho
hene nampifehe'e azo. Ihe i añambone volamenay.

39 Manonjohy azo, le hitroatse ka ty fifeheañe ambane' ty azo, vaho hañorike zay ty
fifeheañe fahatelo, hifeleke i hene taney i fifeheañe torisìkey. 40 Haozarañe manahak'
o viñeo ty fifeheañe fah'efatse; naho hambañe ami'ty viñe mampidemoke naho
mamofoke i he'e rezay, ty hampidemoha'e naho ty hamofoha'e. 41 Le i nahaoniña'o
o tomboke naho rambo'eoy, ty ila'e ni-liem-panao valàñe tane, ty ila'e viñe, le
hizarazara i fifeheañey, fe ho ama'e ty haozara' i viñey, ie nioni'o te nifangaro amy
liem-panao valàñe-taney ty viñe. 42 Le manahake te nizara ho viñe ty ila' o rambo-
tombo'eo naho lietse ty ila'e, le haozatse ty ampaha' i fifeheañey vaho harantsañe ty
ila'e. 43 Aa i nioni'oy, i viñe nitraoke lietsey: Hifangaro añamo tiri' ondatio iereo, fe
tsy hifampipiteke, manahake ty tsy iharoa' ty viñe naho ty lietse.

44 Ie añ'andro i mpanjaka rey, le hampitroatse fifeheañe tsy ho mengoke nainai'e
t'i Andriananañaharen-dikerañe, le tsy ho limbezam-pifokoa' ondaty i fifeheañe zay,

fe fonga ho demohe'e naho habotse'e o fifeheañeo, vaho ie ty hijadoñe nainai'e†.
45 Le ami'ty nahaoniña'o te hinatsake tsy am-pitàñe amy vohitsey ty vato nandemoke
i viñey naho i torisìkey naho i lietsey naho i volafotiy vaho i volamenay; ie ty
nampiboahan' Añahare ra'èlahiy amy mpanjakay ty hifetsak' amy ze añe. Toe to
i nofiy, naho vantañe i fandrazaña'ey.

46 Aa le nihotrake naho nibabok' an-dahara'e naho nire-batañe añ'atrefa' i Daniele
eo t'i Nebokadnetsare mpanjaka vaho linili'e t'ie hisoroñañe naho hañembohañe.
47 Nanao ty hoe amy Daniele i mpanjakay; Toe Andriananañaharen' drahare t'i
Andriananañahare vaho Talèm-panjaka naho Mpampiborake raha mietake t'i Andri-
anañahare'o, kanao nabenta'e ama'o i raha mietakey. 48 Aa le nonjone' i mpanjakay
t'i Daniele naho nitolora'e ravoravo fanjaka maro vaho nanoe'e mpifehe' i hene
faritane' i Baveley naho mpifeleke o fonga mpifehe' o mahihi' i Baveleoo. 49 Nihalaly
amy mpanjakay t'i Daniele, vaho najado'e ho mpamandroñe o raham-paritane' i
Baveleo t'i Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò; le tan-dalambei' i mpanjakay t'i
Daniele.

# 3

1 Nanao saren-draha volamena t'i Nebokadnetsare mpanjaka, kiho enem-polo
ty haabo'e, le kiho eneñe ty am-pohe'e; natroa'e ami'ty monto' i Dorà*, am-
paritane' i Bavele ao. 2 Le nirahe' i Nebokadnetsare ty koike hanontoñe o beio,
naho o sorotà'eo, naho o fiaoloo, o mpizakao, o mpamandroñeo, o kominteo, o
prejidào, vaho o mpifehe faritaneo hiatreke ty fañorizañe i sare nampitroare' i
Nebokadnetsare mpanjakay. 3 Aa le natontoñe amy fañorizañe i sare nampitroare'
i Nebokadnetsare mpanjakaiy o beio, naho o sorotà'eo, naho o fiaoloo, o mpizakao,
o mpamandroñeo, o kominteo, o prejidào, vaho o fonga mpifehe faritaneo. Aa ie
nijohañe añ'atrefa' i sare nampitroare' i Nebokadnetsare mpanjakaiy ey, le 4 hoe ty
tsinei' i mpikoikey: Andiliañe ama' areo ry ondaty, ry fifeheañe naho ry fisaontsy,
5 te ie mahajanjiñe ty feon' antsiva naho soly naho marovany naho jejobory naho
kantsàñe naho mandalina vaho ze hene raha mañomey feo, le hibaboke naho
hitalaho amy sare volamena natroa' i Nebokadnetsare mpanjakaiy; 6 fe havokovoko
am-po' toñake misolebatse ao amy oray avao ze tsy mibaboke naho mitalaho
ama'e. 7 Aa ie nahajanjiñe ty feo' i antsivay naho i soliy naho i marovaniy naho
i jejoboriy naho i kantsàñey naho i mandalinay vaho o mpañomey feo iabio, le hene
nibaboke ze ondaty, fifeheañe naho fameleke niambane amy sare volamena natroa'
i Nebokadnetsare mpanjakay.

8 Ie añe, le nitotoke eo ty nte-Kasdy ila'e nanisý o nte-Iehodào 9 nisaontsy amy
Nebokadnetsare mpanjaka ty hoe, Ry mpanjaka, lava ohatse. 10 Fa nandily rehe, ry
mpanjaka, te ze ondaty mahajanjiñe ty feo' i antsivay naho i soliy naho i marovaniy
naho i jejoboriy naho i kantsàñey naho i mandalinay vaho o mpañomey feo iabio, ty
hibaboke naho hitalaho amy sare volamenay; 11 vaho ze tsy mibaboke, tsy mitalaho,
ro hafetsak' an-toñake mirebareba ao. 12 Eo o nte-Iehodà ila'e nampamandroñe'o
o raham-paritane' i Baveleoo: toe i Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò;
tsy mañaoñe azo indaty rey ry mpanjaka; tsy miambane amo ndrahare'oo, naho
tsy mitalaho amy sare volamena natroa'oy. 13 Aa le niviñetse am-poroforo t'i
Nebokadnetsare vaho linili'e te hasese mb'eo t'i Sadrake naho i Mesake vaho i
Abednegò. Aa le nasese mb' añatrefa' i mpanjakay mb' eo indaty rey. 14 Nanao ty hoe
am' iereo t'i Nebokadnetsare: O ry Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò, to hao

† 2:44 Dan 7:1-28, Sab 22:28, Iir 30:11, Ioe 4:16, Oba 1:15-17, Kab 3:12-13, Tsf 3:8, Kag 2:22, Ben 11:15 * 3:1
Dorà: tariratse; fimoneñañe

t’ie tsy miasy o ‘ndraharekoo, naho tsy mitalaho amy sare volamena natroakoy? 15 Aa
ie mahajanjiñe ty feo’ i antsivay naho i soliy naho i marovaniy naho i jejoboriy naho i
kantsàñey naho i mandalinay miharo amo mpañomey feo iabio, ho veka’e hibaboke
naho hitalaho amy sare volamenay vi’ nahareo henane zay? Fa naho tsy italahoa’
areo, le havokovoko an-toñake misolebatse ao amy oray avao. Andrianañahare aia
ty hahahaha anahareo an-tañako? 16 Aa hoe ty natoi’ i Sadrake naho i Mesake vaho i
Abednegò amy Nebokadnetsare mpanjakay: Ry Nebokadnetsare, tsy anay ty hamale
azo amy ontane zay. 17 Mahaoniña, te mahahaha anay amy toñake mibelañey t’i
Andrianañahare toroñe’ay, vaho mahafipoliora’e am-pità’o zahay ry mpanjaka. 18 Fa
naho tsie, ehe mahafohina, ry mpanjaka, t’ie tsy hitalaho amy ‘ndrahare’oy, ndra
hiasy i sare volamena natroa’oy. 19 Nilifom-piforoforoañe amy zao t’i Nebokadnetsare
le niloroloro amy Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò ty lahara’e, le nanoiñe,
naho nandily te hanoeñe im-pito ty hamae’ i toñakey. 20 Linili’e amy zao o fanalolahy
am-pirimboñan-dahindefo’eo ty handrohy i Sadrake naho i Mesake naho i Abednegò,
vaho hamokovoko iareo amy toñake milebalebay ao. 21 Rinohy reketse saroñe naho
sikiñe naho sabaka naho ze lamba ila’e am’ ondaty rey vaho nafetsak’ an-teñateña’
i toñake misolebatsey ao. 22 Aa kanao am-bodongero’e ty nandilia’ i mpanjakay,
ie niloho mae i toñakey, le navetran-del’afo ondaty nandrambe i Sadrake naho i
Mesake vaho i Abednegòo. 23 Aa le nihotrak’ an-drohy an-toñake nibebañ’ ao indaty
telo rey: i Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò. 24 Nilatsa t’i Nebokadnetsare,
mpanjaka, le niongak’ amy zao nisaontsy amo mpanolo-keve’eo ty hoe: Tsy telo hao
t’indaty nafetsan-tika an-drohy amo afoo? Hoe ty natoi’ iareo amy mpanjakay; Eka
‘nio, ry mpanjaka. 25 Hoe ty natoi’e: Heheke, mahatrea ondaty efatse midada ao
raho, songa midraidraitse amy afoy ao, tsy ama’e ty mianto, vaho manahake t’i Anak’
Andrianañahare ty vinta’ o fahefatseo. 26 Nitotok’ am-bava’ i toñake misolebatsey
t’i Nebokadnetsare, nanao ty hoe: o ry Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò,
ry mpitoron’ Añahare Andindimoneñeo, miakara mb’etoy. Aa le nienga boak’ an-
teñateña’ i afoy t’i Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò. 27 Le nihimpoke eo o
beio naho o sorotà’eo naho o fiaoloo, o mpizakao, o mpitàm-bolao, o kominteo, o
prejidào vaho o mpifehe faritaneo hisamba ondaty tsy nanaña’ i afoy lilio, leo raik’
amo maròy añambone’ iareoo tsy nimae, tsy niova ka o sarimbo’ iereoo, vaho tsy
nipitek’ am’ iereo ty imbon’ afo. 28 Le hoe ty saontsi’ i Nebokadnetsare: Andriañeñe
t’i Andrianañahare’ i Sadrake naho i Mesake vaho i Abednegò, ie nañirake i anjeli’ey
hañaha o mpitoro’e mpiato ama’eo mbore nifotetse amy saontsim-panjakay, namoe
ay tsy hitoroñe ndra hitalaho ami’ty ndrahare ila’e naho tsy t’i Andrianañahare’
iareo avao. 29 Aa le mitsey raho, te ho fonga tseratseraheñe ze miteratera an’
Andrianañahare’ i Sadrake naho i Mesake naho i Abednegò, vaho hatao vongan-
deotse ty akiba’e, amy te tsy eo ty drahare ila’e mahahaha manahake zao. 30 Aa
le nonjone’ i mpanjakay am-paritane’ i Bavele t’i Sadrake naho i Mesake vaho i
Abednegò.

31 I Nebokadnetsare mpanjaka, ho amo kilakila’ ndaty naho fifeheañe vaho
fisaontsy mpimoneñe an-tane-bey atoio; Ampitoaboreñe ama’ areo ty fañanintsiñe.
32 Tsy mete tsy aboeleko o viloñe naho raha tsitantane nanoen’ Añahare Andindi-
moneñey amakoo.

33 Jabahinake o vilo’eo, naho

mitozantozañe o fitoloña’e mahalatsao!

Nainai’e i fifehea’ey, vaho

boak’an-tsa mb’an-tsa i fifeleha’ey :

# 4

1 Ie nihendre añ'akibako ao avao, zaho Nebokadnetsare, vaho niraorao añ'
anjombam-panjakako ao, 2 le nañinofy ty nampirevendreveñ' ahy, vaho nitsobore
ahy am-pandreako ao o ereñereñe naho aroñaroñe an-dohakoo. 3 Aa le liniliko te
songa hasese aoloko eo ze mahihi' i Bavele hampiboahañe amako ty fandrazaña'
i nofiy. 4 Nimoak' ao o ambiasao naho o mpañandroo naho o nte-Kasdìo naho o
mpitokio vaho natalaliko am' iereo i nofiy; fe tsy natoro' iareo ahy i fandrazaña'ey.
5 Ie an-tsehanga'e añe te niatrek' ahy t'i Daniele, i natao Beltesatsare ty añara'ey—
i tahinan-draharekoy, fa ama'e ao ty Arofon' Añahare Masiñe; le añatrefa'e eo ty
nitaliliako i nofiy. 6 Ry Beltesatsare, tale' o mahihitseo; fa nirendreko te ama'o ao
i Arofon' Añahare Masiñey, le tsy ao ty raha mietake mikafitse ama'o; atalilio o
aroñaro' i nofy nitreakoy naho ty fandrazañañ' azeo. 7 Inao o aroñaron-dohako
tan-tihio: nahatrea hatae añivo' ty tane toy, an-tiotiotse eñe i lengo'ey. 8 Nitombo i
hataey le nihafatratse, naho nahatakatse andikerañe ey ty haabo'e, vaho pak' añ'olo'
ty tane toy ty fahaisahañe aze. 9 Fanjaka o rave'eo, niegoego o voa'eo, ama'e ao
ty haneñe ho a ze kila raha; ambane an-talinjo'e ao ty nialofa' o bibin-kivokeo
naho o ra'eo ty nimoneña' o voron-dikerañeo, le hene nifahàna'e ze atao nofotse.
10 Nitreako amy aroñaron-dohako am-pandreakoy te ingo ty mpijilo miavake nizotso
boak' andikerañe añe; 11 nikoike ami' ty hoe; Firao o hataeo, birao o ra'eo, ahintsaño
o rave'eo vaho aparatsaho o voa'eo; ampisitaho boak' ambane'e ao o bibio naho
amo ra'eo o voroñeo; 12 fe apoho an-tane eo i foto'ey naho o vaha'eo; bandio viñe
naho torisìke le apoho añ'ahetse maindoñindon-kivok' ao; le ty zonon-dikerañe ty
handèñ' aze; naho hitrao-pàhañe amo bibin-kivo' ty tane toio; 13 ampiovaeñe tsy ho
tro' ondaty ty arofo'e, ho tolorañe fom-biby; vaho ampiarieñe ambone'e ty taom-
pito. 14 Ami'ty saontsi' i mpijiloy ty ijadoña' i rahay naho i zakay ty amy saontsi' o
miavakeo hahafohina' o veloñeo te mifelek' am-pifehea' ondatio t'i Andindimoneñe
naho tolora'e amy ze satri'e, vaho oriza'e ambone ze mirek' am' ondatio. 15 Zaho
Nebokadnetsare ty nahatrea i nofy zay; aa le ihe Beltesatsare: taroño i fandrazaña'ey,
fa ndra te leo raik' amo mahihitse amy fifeheakoio tsy nahafiboak' i fandrazaña'ey,
le ihe ro mahalefe kanao ama'o ty Arofon' Añahare Masiñe.

16 Nianjiñe eo avao t'i Daniele, i natao Beltesatsare ty tahina'ey; amy te
nañembetse aze ora raike i naereñère'ey. Aa le nisaontsy ama'e i mpanjakay nanao
ty hoe: O Beltesatsare, ko ampañaliheñ' azo i nofiy ndra i fandrazaña'ey. Aa le
nanoiñe ami'ty hoe t'i Beltesatsare, Ry talèko, ee te ho an-drafelahi'o i nofiy, naho ho
amo mpikinia azoo i fandrazaña'ey. 17 I hatae nioni'o nitombo naho nihafatratsey,
ie nahatakatse andikerañe eñe ty haabo'e, hahaisaha' ty tane toy iaby; 18 i aman-
draveñe fanjaka naho amam-boa nirokorokoy, tama'e ty hàne' ze he'e, nitobok'
ambane'e ao o bibin-kivokeo, naho nimoneñe amo ra'eo o voron-dikerañeo: 19 Ihe
'nio, ry mpanjaka ro nitombo nihamaozatse, le nitoabotse nahatakatse antiotiots' eñe
ty enge'o, vaho pak' añ'olo' ty tane toy ty fifehea'o. 20 Le i nioni' i mpanjakaiy, ie
nanao ty hoe ty mpijilo miavake nizotso boak' an-dikerañe ao: Firao o hataeo le
mongoro; angao an-tane ao i foto'ey naho o vaha'eo, naho bandiem-by naho torisìke
amo ahetse maindoñindoñe an-kivokeo naho apoho handeñ' aze i zonon-dikerañey
ie hitraok' anjara amo bibin-kivokeo ampara' te niary ambone'e ty taom-pito. 21 Inao
ty famentabentarañ' aze ry mpanjaka: Nivotrak' amy talèko mpanjakay ty fizakà' i
Andindimoneñey; 22 t'ie ho roaheñe boak' am' ondatio; le hitraok' amo bibin-kivokeo
ty fimoneña'o naho ho fahanañe amo ahen-kivokey manahake o añombeo, naho
hampiandroeñe amy zonon-dikerañey, vaho taom-pito ty hiary ambone'o ampara'
te fohi'o te mifelek' ambone' ty fifehea' ondatio t'i Andindimoneñe vaho atolo'e
amy ze tea'e. 23 Le ie nandiliañe te hengàñe an-tane ao i foto-katae'ey rekets'

o vaha'eo, le mbe ho tanañe ho azo ty fifehea'o, hahafohina'o te i Likerañey ty
mifeleke. [24] Aa le iantofo o fanoroakoo, ry mpanjaka vaho apitsoho an-kavañonañe
o tahi'oo, naho am-piferenaiñañe o rarakeo o hakeo'oo; zay ty mete hañalava o
androm-pibodobodoa'oo.
[25] Fe nifetsak' amy Nebokadnetsare mpanjaka irezay. [26] Ie nimodo ty volañe folo-ro'
amby, naho nidraidraitse ambone' ty anjombam-panjakàm-pifehea' i Baveley, [27] le
hoe ty nisaontsie' i mpanjakay: Tsy itoy hao i Bavele ra'elahy naoreko ho anjombam-
pifehea' ty haozaran-kafatrarako ho ami'ty engen-kajabahinako? [28] Mbe tam-palie' i
mpanjakay i saontsy zay te nivotrake boak' an-dindimoneñe ao ty fiarañanañañe
nanao ty hoe: Ry Nebokadnetsare mpanjaka, inao ty fetse ama'o fa nieng' azo i
fifeheañey, [29] ie ho soireñe hienga ondatio, naho ho amo bibin-kivokeo ty fimoneña'o,
le ho fahanañe ahetse manahake o añombeo, naho ho kotsae' ty zonon-dikerañe
vaho taom-pito ty hiary ambone'o ampara' te fohi'o te mifelek' amo fifehea' ondatio
t'i Andindimoneñe vaho tolora'e amy ze satri'e. [30] Nihenek' amy Nebokadnetsare
amy ora zay i rahay le nasitake am' ondatio re, naho nikama ahetse manahake
o añombeo, naho nampandroe' i zonon-dikerañey ty fañova'e ampara' te nitiry
ho volom-bantio o maroi'eo, vaho hoe hohom-boroñe o hoho'eo. [31] Aa ie nimodo
i fets' àndroy le zaho Nebokadnetsare ty nampiandra maso mb' an-dikerañe ey
naho nampolieñe amako ty faharendrehako naho nandriañeko t'i Abo Tiañe naho
nibangoeko vaho nirengèko i Veloñe nainai'ey,
Fifeheañe tsy mbian-ko modo i fifehea'ey;
vaho miranga ze hene sa i fifeleha'ey;
[32] le volilieñe ho tsy vente'e
ze kila mpimone' ty tane toy,
naho hene anoe'e ze satrie'e
amy lahialen-dikerañey naho
amo mpimone' ty tane-bey toio;
vaho tsy eo ty hikalañe ty fità'e
hanao ama'e ty hoe: Inoñ' o anoe'oo?
[33] Ie henane zay, nampoly amako ty hilalako, le nimpoly ami'ty havolonahem-
pifeheako ao; nimpoly amako iaby ty engeko naho ty habaranjibaranji'e; nipay ahy o
mpifehem-paritanekoo naho o androanavikoo; le nampoly amako ty fifeheako, vaho
nampitoaboreñe amako ty engeñe. [34] Ie amy zao, mibango naho mañonjoñe vaho
mandrenge i Mpanjakan-dikerañey, zaho Nebokadnetsare, amy te hene to o fizakà'eo
le hai'e ty mampirèke o mañavelo am-pirengevohañeo.

# 5

[1] Nanao sabadidake jabajaba t'i Belsatsare mpanjaka ho ami'ty arivo' o roandria'eo
vaho ninon-divay añ'atrefa' i arivoy. [2] Naho nitsopek' i divaiy t'i Belsatsare, le linili'e
te hasese ama'e o fanake volamena naho volafoty nendesen-drae'e Nebokadnetsare
boak' amy kivohon' Añahare e Ierosalaime añeio, hikamà' o roandria'eo naho o
vali'eo vaho o sakeza'eo. [3] Aa le nasese mb'eo o fanake nendeseñe boak' an-
kivohon' anjomban' Añahare e Ierosalaime añeo naho nikama ama'e i mpanjakay
naho o roandria'eo naho o vali'eo vaho o sakeza'eo. [4] Ie nigenoke divay naho
nandrenge o 'ndrahare volamena naho volafoty, torisìke naho viñe vaho vatoo, [5] le
nisodehañe eo amy zao ty rambo-pità' ondaty, nanokitse aolo' ty fitam-pailo amy
pako' i rindriñe añ' anjombam-panjakay vaho niisa' i mpanjakay ty ila' i fitañe
nanokitsey. [6] Nikòfoty amy zao i mpanjakay naho nitsobore aze i fitsakorea'ey,
nibalake ka ty kitambe an-toha'eo, vaho nifamango o ongo'eo. [7] Nikoik' amy zao
i mpanjakay t'ie haneseañe ambiasa naho nte-Kasdý vaho mpitoky. Nisaontsy amo

mahihi’ o Baveleo i mpanjakay ami’ty hoe: Ze mahavaky ty sokitse tiañe naho hanoro
ahy i fandrazaña’ey, le ho sikinañe malò-mavo naho ho ravaheñe silisily volamena
ty fititia’e, vaho ho mpifehe ty faha-telo’ ty fifeheañe toy. 8 Songa niheo mb’eo ondaty
mahihi’ i mpanjakaio, fe tsy nahavaky i sokitsey, tsy nahabentatse i fandrazaña’ey
amy mpanjakay. 9 Nangonotse amy zao t’i Belsatsare mpanjaka naho niova laharañe,
vaho veren-draha o roandria’eo. 10 Ie amy saontsi’ i mpanjakay naho o roandria’eoy
le nimoak’ amy efe-tsabadidakey ty vali’ i mpanjakay, le hoe ty enta’ i vali’ey,
Ry mpanjaka, lava-havelo: ko ado’o hitsobore azo o vetsevetse’oo, ndra hikomavo
o lahara’oo. 11 Am-pifehea’o ao t’indaty, le ama’e ty Arofon’ Añahare Masiñe;
ie fahan-drae’o ty nitendrehañe hazavàñe, hilala naho hihitse; vaho manahake
ty hilalan’ Añahare ty nizoeñe ama’e; ie ty nanoe’ i Nebokadnetsare mpanjaka,
rae’o, i rae’o mpanjakay, roandria ambone’ ze hene ambiasa naho mpañandro
naho nte-Kasdy vaho mpitoky, 12 amy te nioniñe amy Daniele, i natao’ i mpanjakay
Belsatsarey, ty arofo loho ambone, ty hilala mitiotiotse; rendre’e iaby ty nofy naho
ty fandrazañañe naho ty fampiborahañe ze raha mietake, vaho ty fandevoñañe
hakahaka. Aa le ampikanjio t’i Daniele, hanoro i fandrazaña’ey. 13 Aa le nasese
añ’ atrefa’ i mpanjakay t’i Daniele naho hoe ty saontsi’ i mpanjakay amy Daniele:
Ihe hao i Daniele anam-pirohi’ Iehodà nendesen-draeko boake Iehodày? 14 Fa
tsinanoko ty ama’o, te ama’o ty Arofon’ Añahare Masiñe, naho te nizoeñe ama’o
ty hazavàñe naho ty faharendrehañe vaho ty hihitse ambone. 15 Ie henaneo fa
nasese amako o mahihitseo, naho o mpañandroo hamaky o sokitseo hampahafohiñe
ahy ty fandrazaña’e, fe tsy naboa’ iareo amako ty famentabentarañ’ aze. 16 Aa le
tsinanoko ty ama’o, te mahafitaroñe ty mietake, vaho mahafibalake ty sarotse; aa ie
mahavaky i sokitsey naho mahaborake i fandrazaña’ey amako, le hasaroñe malò-
mavo, naho ho ravaheñe silisily volamena i fititia’o, vaho ho mpifehe faha-telo’ ty
fifeheañe toy. 17 Hoe ty natoi’ i Daniele añatrefa’ i mpanjakay, Tano ama’o o tambeo
naho atoloro ami’ty ila’e o ravoravoo fe ho vakieko ama’o o sokitseo, ry mpanjaka,
vaho ho razañeko ama’o. 18 Ry mpanjakao, Natolon’ Añahare Andindimoneñe
ao amy Nebokadnetsare rae’o ty fifeheañe naho ty volonahetse, naho ty engeñe
vaho ty fikantsoñañe; 19 le amy volonahetse natolotse azey ty nampañeveñe naho
nampihondrahondra ze kilakila ondaty naho fifeheañe naho fameleke añatrefa’e; le
navetra’e ze satri’e, naho nitana’e ho veloñe ze satri’e, le naonjo’e ze satri’e, vaho
nafotsa’e ze satri’e. 20 F’ie nitoabotse ty arofo’e naho nihagàñe am-pirengevohañe
ty tro’e, vaho nitoloñe an-kavokavoke, le nafotsak’ amy fiambesam-pifehea’ey vaho
nasintak’ ama’e ty enge’e 21 le rinoake boak’ amo ana’ ondatio naho nampindrezeñe
amo bibio ty arofo’e, naho amo borike li-io ty akiba’e; nampikaman’ aze ty ahetse
hoe añombe, naho nampandroe’ i zonon-dikerañey ty fañova’e ampara’ te nifohi’e
te felehen’ Añahare o fifehea’ ondatio vaho ampijadoñe’e ho mpifehe ze satri’e.
22 Fa ihe ry Belsatsare, ana’e, tsy nampireke arofo ndra te hene nifohi’o; 23 te
mone nitroatse hiatreatre i Talèn-dikerañey naho nasese añatrefa’o eo o fana’ i
anjomba’eio naho songa ninon-divay ama’e rehe naho o roandria’oo, o vali’oo naho o
sakeza’oo; le nirengè’o o ‘ndrahare volamena naho volafoty, an-torisìke, hatae naho
vato, ze tsy mahatrea, tsy mahatsanoñe. tsy maharendrekeo, vaho mbe lia’e tsy
niasia’o t’i Andrianañahare, ie hene am-pità’e ao ty fiai’o naho o fitoloña’oo. 24 Aa
le nampañitrifeñe boak’ añatrefa’e ty lela-pitañe, vaho nisokireñe o sokitseo. 25 Le
izao ty sokitse nipatere’e: Mene*, Mene, Tekele†, Parase‡. 26 Inao ty fandrazañañ’aze:
Mene: Vinolilin’ Añahare ty fifehea’o vaho nagado’e. 27 Tekèle: Linanja’ am-
pandanjan-drehe vaho nizoeñe te tomotse. 28 Parase: fa zinara’ i fifeheañey vaho

* 5:25 Mene: voaiake † 5:25 Tekele: linanja ‡ 5:25 Parase: Zinara

natolotse amo nte-Maday§ naho nte-Paraseo*. 29 Aa le namantoke t'i Belsatsare,
vaho nisikina' iareo malò-mavo t'i Daniele, naho niravaheñe silisily volamena ty
am-pititia'e eo, vaho nitsey ty ama'e t'ie ro mpifehe faha-telo' i fifeheañey. 30 Amy
haleñey te navetrake i Belsatsare mpanjàka' o nte-Kasdìo.

# 6

1 Nandrambe i fifeheañey ami'ty tao'e faha-enempolo-ro'amby t'i Dariavese*. 2 Ni-
no' i Dariavese ty hañoriza'e mpifehe zato-tsy-roapolo amy fifeheañey hanitsifañe i
fanjakàñey, 3 le ambone' iereo ty mpifeleke telo—raik' am' iereo t'i Daniele—vaho
mitalily am' iereo i mpifehe rey, soa tsy ho tsoborèñe i mpanjakay. 4 T'i Daniele
toy ty nisoheñe ambone' ze hene mpifehe naho mpifeleke ty amy arofo tsitantane
ama'ey; le sinafiri' i mpanjakay te hanoe'e ambone' i fifeheañey iaby. 5 Aa le pinai' o
mpifelekeo naho o mpifeheo ty hampitsikapy i Daniele am-pitoloña'e amy fifeheañey,
fe tsy nahatendreke ty hikiniàñe aze ndra ze lila'e ty amy figahiña'ey, vaho tsy
naharendrehan-kila ndra tahiñe. 6 Aa le hoe i ondaty rey, le lia'e tsy hahaonin-dilatse
amy Daniele tia tika, naho tsy t'ie ho onin-tika amy lilin' Añahare'ey avao.
7 Aa le nihitrihitry mb'amy mpanjakay mb'eo i mpifehe naho mpifeleke rey nanao
ty hoe ama'e: Ry Dariavese mpanjaka, lava havelo. 8 Songa mitrao-safiry o mpamele-
pifeheañeo, o mpizakao, o mpifeheo, o beio, vaho o sefoo te honjoneñe ty tseim-
panjakàñe hañatò te ze hihalaly aman-drahare ia' ia ndra ama' ondaty, naho tsy
ama'o avao ampara' te modo ty andro telopolo, ry mpanjaka, le havokovoko an-
dakaton-diona ao. 9 Aa le iantofo i tsey zay henaneo, ry mpanjaka, vaho soniavo o
sokitseo tsy hiova, ty amy lili' i Maday naho i Parase tsy mete mihotikey. 10 Le nanonia
i sokitsey, hampijadoña'e ho lily, t'i Dariavese. 11 Aa ie nifohi' i Daniele te nisoniaveñe
i sokitsey le nizilik' añ' anjomba'e ao; toe nisokake mb'e Ierosalaime i lalan-kede am-
batsey, le nitongaleke re in-telo boak'andro, nilolokе vaho nañandriañe añatrefan'
Añahare'e eo amy t'ie lili'e.
12 Aa le nifanontone indaty rey naho naharendreke te nilolokе vaho nihalaly aman'
Añahare'e t'i Daniele. 13 Niharinea' iereo amy zao i mpanjakay le nitalily i tseim-
panjakañey: Tsy vaho nañatò ty tsey hao ry mpanjaka, te ze hihalaly aman' Añahare'
iaia ndra ama' ondaty naho tsy ama'o avao añate' ty andro telopolo ro havokovoko
an-dakaton-diona ao? Hoe ty natoi' i mpanjakay: To i hoe zay ty amy lili' o nte-Maday
naho nte-Parase tsy mihotikeo. 14 Aa le hoe ty natoi' iareo añatrefa' i mpanjakay, Tsy
mañaoñe azo t'i Daniele, anam-pandrohiza' o nte-Iehodào, ndra i tsey najado'oy,
te mone mihalaly in-telo ami'ty andro. 15 Ie nahajanjiñe i entañe zay i mpanjakay
le loho navesatse ama'e naho napite'e amy Daniele ty arofo'e hañaha aze; vaho
nifanehak' ampara' te tsofots' andro hañafaha'e. 16 Fe niropak' amy mpanjakay
indaty rey, nanao ty hoe amy mpanjakay, Mahafohina, ry mpanjaka, inay ty lili'
Maday naho i Parase te tsy mete ovaeñe ze tsey ndra fañè najado' i mpanjakay. 17 Aa
le nandily i mpanjakay, le nasese mb'eo t'i Daniele, vaho navokovoko an-dakaton-
diona ao. Nanao ty hoe amy Daniele amy zao i mpanjakay: Handrombak' azo abey
t'i Andrianañahare toroñe'o nainai'e. 18 Nendeseñe amy zao ty vato, le nikapefeñe
ty vava' i lakatoy; vaho vinoli-tombo' i mpanjakay amy bange fitombo'ey naho ami'ty
fitombo' o roandria'eo soa tsy hovaeñe ty amy Daniele. 19 Noly añ' anjomba'e ao i
mpanjakay, nandre tsy nikama; le tsy nañendesan-draha, vaho nihànkañe ama'e
ty rotse. 20 Aa le nañaleñaleñe i mpanjakay nitroatse te nangararak' atiñana vaho
nihitrihitry mb'an-dakato' o lionao mb'eo. 21 Ie nandoak' amy lakatoy eo, le nikoik'
an-kalonjeram-piarañanañañe amy Daniele, le hoe ty napaza' i mpanjakay amy

§ **5:28** Maday: zehe; lili'e; rakoke * **5:28** Parase: ty mandily, mpiningy soavala * **6:1** Dareiavaìse: ty mampandrendre-batañe

Daniele, ry Daniele mpitoron' Andriananañahare veloñe, naharombak' azo amo lionao
hao t'i Andriananañahare fitoroña'o nainai'e? 22 Le hoe t'i Daniele amy mpanjakay,
lava ohatse, ry mpanjaka; 23 Nañirake ty anjeli'e t'i Andriananañahareko; nampitsiteke
ty vava' o lionao tsy hijoy ahy, amy t'ie nalio hakeo añatrefa'e, naho toe tsy nandilatse
ama'o raho ry mpanjaka. 24 Nivaranehak' amy zao i mpanjakay naho linili'e te
avotañe amy lakatoy t'i Daniele. Aa le nakareñe an-dakato ao t'i Daniele, vaho tsy
nizoem-pere amy t'ie niato aman' Añahare'e. 25 Linili' i mpanjakay te hampiatrefeñe
aze o nanisý i Danieleo. Le fonga navokovoko amy lakaton-dionay naho o vali'eo
rekets' o ana'eo. Ie mbe tsy niponak' an-tane' i lakatoy iereo le fa niambotraha' o
lionao vaho pinekapekañ' iaby o taola'eo.
26 Nanokitse amo hene ondaty naho fifeheañe vaho fameleke mpimoneñe amy
taneio t'i Dariavese Mpanjaka: Ampitomboeñe ama' areo ty fañanintsiñe. 27 Zaho
ro mitsey aman' ndra aia'aia amo fonga fifelehañe am-pifeheakoo: asoao te
hinevenevetse am-pañeveñañe añatrefan' Añahare' i Daniele ondatio,

Ie t'i Andriananañahare veloñe nainai'e
le tsim-bia ho rebake i fifehea'ey
naho i fifeleha'ey nainai'e donia. 28 Mpandrombake re, Mpañaha,
naho Mpanao viloñe tsitantane
vaho mitoloñe raha mahalatsa
andikerañe ao naho an-tane atoy.
Ie ty nandrombake i Daniele
ami'ty haozara' o lionao. 29 Nitahieñe t'i Daniele am-pifeleha' i Dariavesey naho
am-pifehea' i Korese nte-Parase.

# 7

1 Amy taom-baloha' i Belsatsare mpanjaka' i Baveley, nahaoniñe nofy naho
aroñaroñe añ'ambone'e, am-pandrea'e ao t'i Daniele; sinoki'e i nofiy vaho mitalily o
renen-tsara'eo. 2 Hoe t'i Daniele: Nitreako añ' aroñaron-kaleñe, te inge nitorotositse
amy riake jabajabay ty tiok'efa' i likerañey. 3 Le niakatse amy riakey ty biby ra'elahy
efatse, tsy nifanahake. 4 Hoe liona reketse elam-bantio ty valoha'e; nañente raho
ampara' te nonorañe o ela'eo, naho nongaheñe an-tane eo, naho nampijohañañe
an-tombo'e hoe ondaty vaho tinolotse fo'ondaty. 5 Indroañe ty biby faharoe hoe
dobe, nivoalatse ami'ty ila'e raike, le tam-bava'e ao, tañivo' o nife'eo ty pake telo;
vaho hoe ty tsinara ama'e: Miongaha, mampibotseha nofotse tsifotofoto. 6 Modo
zay le nahatrea raike ka, hoe nemare*, ninday elam-boroñe efatse an-dambosi'e eo;
efatse ka ty loha' i bibiy, vaho nimean-dily. 7 Ie añe, le nitreako añ' aroñaron-kaleñe
te inge ty biby fahefatse mampangebahebake naho mampirevendreveñe naho loho
maozatse; ama' nife viñe jabajaba, mampibotseke, mampipozake vaho mandialia ty
sisa o tombo'eo; miambak' amo biby taoloo re, ie aman-tsifa folo. 8 Hinaraharako
o tsifa'eo, le hehe te nipotitsik' añivo' o ila'eo ty tsifa kedekede, le nombotañe
añatrefa'e eo ty tsifa'e telo teo; le hehek' ami'ty tsifa toy ty maso manahake ty fihaino'
ondaty, naho vava mivolam-pirengetañe.
9 Nañente raho ampara' te
nampivotrahañe fiambesatse,
naho niambesatse i Haehaey,
foty matsatsaoke hoe volovaso o saro'eo
vaho hoe volon' añondry ki'e
o maroin'añambone'eo;
mirebareba lel'afo i fiambesa'ey,

* 7:6 Nemare: farasy bey mpibotsek' añombe

afo misolebatse o larô'eo.
10 Mikararàke boak' ama'e ty oñe afo;
arivo añ'arivo'e ty niatrak' aze,
ale añ'ale'e ty nijohañe añatrefa'e;
najadoñe i zakay
vaho sinokake o bokeo.
11 Nisamba avao raho, ty amy feo-pivolam-pirengevohañe nivolàñe' i tsifaiy;
nañente ampara' te vinono i bibiy naho niantantiritse i sandri'ey vaho natolotse
ho sodorañe añ'afo. 12 Nafahañe amo biby ila'eo ty lili' iareo, f'ie tinovoñ' andro
naho sa hivelomañe. 13 Nitolom-pañente añ' aroñaron-kalen-draho ampara' te
indroañ' an-drahon-dikerañe ty nimb'eo
manahake ty Ana'ondaty,
Nimb'amy Haehaey,
vaho nampañatrefeñe ama'e.
14 Le nitoloran-dily naho asiñe
vaho ty fifeheañe.
Hitoroña' ze kila ondaty,
fifeheañe naho fameleke.
Fandiliañe nainai'e tsy ho modo i fandilia'ey;
vaho tsy mbia harotsake i fifehea'ey.
15 Nihohokòhok' an-troke ao, zaho Daniele vaho nañembañ' ahy o aroñaron-
dohakoo. 16 Niharineako ty raike amo nijohajohañeo vaho nañontaneako ty dika
tò i hoe zay iaby. Aa le nitaroñe'e naho nirazañe'e amako. 17 Fifeheañe efatse i
biby jabajaba efatse hitroatse boak'an-tane atoy rey. 18 Fe ho rambese' o noro' i Abo
Tiañeio i fifeheañey vaho ho fanaña' iareo nainai'e, toe an-tsa-an-tsa i fifeheañey.
19 Ie amy zay te ho nahafohiñe ty hatò' i biby fahefatsey raho, i niambak' amy ila'e
iaby reiy. Nampirevendreveñe; viñe o nife'eo naho torisìke o hoho'eo. Nabotse'e
naho dinemo'e vaho linialia' ty tombo'e ze nisisa; 20 naho o tsifa folo an-doha'eo
naho i tsifa nipotìtse vaho nampihintsañe i telo ila'e reiy, i nanañe maso naho vava
hivolaña'e raha mahasintoñey, i hoe zoke' i ila'e reiy te henteañe. 21 Nitolom-
pisamba raho le nialy amo noro'eo i tsifay naho nahagioke 22 ampara' te niavy
i Haehaey, vaho nimean-to o noro' i Andindimoneñeio. Totsak' amy zao ty sa'
nampanañañe o noro'eo i fifeheañey. 23 Inao ty talili'e:
Ho fifeheañe fah'efatse
an-tane atoy i biby fahefatsey;
hiambak' amo fifeheañe iabio,
fa fonga habotse'e ty tane toy,
le ho lialia'e, vaho ho demohe'e.
24 Mpanjaka folo ty hitroatse amy
tsifa folo rey;
eo ka ty hitroatse hanonjohy iereo,
naho hiambak' amo taoloo
vaho hafotsa'e ty mpanjaka telo.
25 Hiteratera i Andindimoneñey re,
naho ho mokore'e o noro' i Abo Tiañeo
vaho hikinia hañova sa naho lily,
vaho hatolotse am-pità'e iereo
handritse ty sa naho o sa-o
vaho ty vakin-tsa.
26 Fe hajadoñe ty zaka,
le hasintak' ama'e ty lili'e,

vaho ho vata'e rotsaheñe
ho mongoreñe kitro katroke.
27 Hatolotse am'ondati' noro' i Andindimoneñeio i fifeheañey
naho ty lily naho ty enge'
ze hene fifeheañe ambanen-dikerañe.
Ho nainai'e ty fifehea'iareo;
songa hitoroñe naho hivohotse am'iareo
ze kila fifelehañe.
28 Nigadoñe eo i fandrazañañey, le nirevendreveñe am-pitsakoreako ao, zaho,
Daniele, naho nikofoty ty vintako, fe nifaharako an-trok' ao i entañe zay.

# 8

1 Ie amy taom-paha-telo' i Belsatsare mpanjakay le nahatrea aroñaroñe nanonjohy
i nitreako teoy, zaho Daniele. 2 Añ' aroñaroko ao, le nitreako t'ie an-kijoli' i Sosane*,
am-paritane' i Elame† añe; tendrek' amy aroñaroñey te añ'olo' i saka Olaiý‡ .
3 Nampiandraeko maso vaho nitreako te ingo ty añondrilahy nijohañe marine i
sakay ey, roe ty tsifa'e, le ndra t'ie niabo, nilikoatse ty haabo' ty raike, i tsitso'ey
ty niabo t'ie nitiry. 4 Nitreako i añondrilahiy te namango nañandrefañe o tsifa'eo,
naho nañavaratse, naho nañatimo vaho tsy eo ty biby nahafiatreatre aze, vaho
tsy eo ty nahafitsoak' an-taña'e; fa nanoe'e ze nisatri'e le nitoabotoabotse. 5 Aa
ie nitsakore raho te ingo boak' ahandrefañe añe ty oselahy nihelañe ambone' ty
tarehe' ty tane-bey toy naho tsy nioza tane; nanan-tsifa raike ra'elahy añivo' o
maso'eo i oselahiy. 6 Nimb' amy añondrilahy aman-tsifa'e roe nitreako nijohañe
aolo' i sakay eiy re, vaho nihoridaña'e an-kaozarañe miforoforo. 7 Nitreako te
nitotohe'e i añondrilahiy le niviñera'e naho nidasiñe'e vaho nipozahe'e i tsifa'e roe
rey, le tsy nahalefe hitroatse añatrefa'e i añondrilahiy; aa le nafetsa'e an-tane vaho
linialia'e, le tsy eo ty naharombak' i añondrilahiy an-taña'e. 8 Nitoabotoabotse amy
zao i oselahiy, le ie an-dengo' ty haozara'e ro pinozake i tsifa'e ra'elahiy; niboake
nandimbe aze an-toe'e eo ty tsifa efatse niatreke i tiok' efa' i likerañey rey. 9 Nipotìtse
ama'e ty tsifa kedekedeke; nitombo ho bey mañatimo naho maniñanañe vaho mb'
an-tane mahasinday. 10 Nitoabotse mb' amy valobohòn-dahin-defon-dikerañey re
naho navokovoko'e mb'an-tane atoy ty ila' i màroy naho o vasiañeo, vaho linialia'e
ambane. 11 Eka, nizonjoñe nahatakatse ty handigiligi' i mpifehe' i valobohòkey,
kanao tinava'e ama'e i fisoroñañe boak' àndroy vaho naretsa'e ambane i toe'e
miavakey. 12 Fiolàñe ty nanolorañe aze i valobohòkey naho i sorom-boak' àndroy.
Nafetsa'e ambane ty havañonañe§ naho nanoe'e ze nisatri'e vaho niraorao. 13 Le
tsinanoko te nitsara t'i Masiñe. Hoe ka ty Masiñe raike amy nitsaray, Ampara' te
ombia o aroñaroñeñeo: i sorom-boak' àndroy, i fiolàñe mandrotsakey, ty hanolorañe
i toetse miavakey naho i valobohòke ho lialiàm-pandiay?* 14 Le hoe re tamako,
Ampara' te modo ty hariva naho ty maraindray ro-arivo-tsi-telon-jato, zay vaho
heferañe i toetse miavakey.
15 Ie fa niaroñaron-draho, Daniele naho nimaneako rendreke, le nizoeko nijohañe
aoloko eo ty amam-binta' ondaty. 16 Tsinanoko t'indaty añivo' i Olay nikoike ty
hoe: Ry Gabriele†, ampandrendreho ondaty toañe i aroñaroñey. 17 Nitotoke mb'amy
fijohañako mb' eo re, le ie niharine, niriatsandry raho nibabok' an-tareheko. Aa
hoe re tamako, O ana' ondatio, maharendreha te an-tsa honka'e i aroñaroñey. 18 Ie
nisaontsie'e le nilañake ty roro an-tane an-tareheko le nedrè'e vaho nampitroare'e.

---

* **8:2** Sosane: voñen-katae mañetse; hafaleañe † **8:2** Elame: ajalahy; ampela miehañe; etake ‡ **8:2** Olaý: haozarañe; dagola § **8:12** Ies 59:14 * **8:13** Dan 11:31, Mat 24:15 † **8:16** Gabriele: I Andrianañahare ro haozarako

[19] Hoe re, Ho taroñeko ama'o ty hifetsak' amo andro honkan-katorifihañeo; ie toe
ho amy sa honka'ey. [20] I añondrilahy nioni'o aman-tsifa'e roey le ty mpanjaka' i
Madaý naho i Parase. [21] I dromatsey le ty mpanjaka' Iavàne‡; ty tsifa'e ra'elahy
añivo' o maso'eo ty mpanjaka'e valoha'e. [22] Aa ie nipozake, le niongake handimbe
aze ty efatse, avaho fifelehañe efatse ka ty hitroatse boak' amy fifeheañey, fe tsy amy
haozara'ey. [23] Amo andro sengaha' i fifeheañeio, ie fa heneke o fiolao, le hampitroa-
batañe ty mpanjaka an-daharam-pisenge-hery, mahafohiñe onin-tsaontsy miheotse.
[24] Hampaozareñe i lili'ey, fe tsy amy haozara'ey; le hahalàtsa ty fandrotsaha'e;
hiraorao re, naho hanao ze satri'e, vaho ho rotsahe'e o maozatseo naho ondaty
miavakeo. [25] Amy fahilala'ey le hiraorao ty famañahiañe am-pità'e ao, naho
hirengevok' an-tro'e ao naho am-pilongoañe ty handrotsaha'e ty maro; hitroatse amy
Talè' o taleoy ka re, fe hianto tsy am-pitàñe. [26] Ie i aroñaron-kariva naho maraiñey,
le to i nitaroñeñe ama'oy; aa le liteo i aroñaroñey fa mbe ho amo andro maro añeo.
[27] Nitoiran-draho Daniele naho nisilok' andro maromaro, vaho nitroatse nitoroñe i
mpanjakay. Nampañeveñe ahy i aroñaroñey, fe tsy eo ty hampalange aze.

# 9

[1] Amy taom-baloham-pifehea' i Dariavese ana' i Akrasehòse tarira' o nte-Medaio,
ie nanoeñe mpanjaka an-tane' o nte-Kasdio; [2] amy taom-baloham-pifehea'ey, le
nañotsohotso amo bokeo raho, Daniele, ty ami'ty ia' o taoñe tsinara' IEHOVÀ am'
Iiremeà mpitokio, ty haha-heneke ty fangoakoahañe Ierosalaime, le fito-polo taoñe.
[3] Aa le natoliko aman' Añahare Talè ty tareheko, hipaiako an-tsoloho naho halaly,
an-dilitse naho gony vaho lavenoke.
[4] Aa le nihalaly am' IEHOVÀ Andrianañahareko, nisoloho ami'ty hoe: Ie henane
zao ry Talè Andrianañahare jabahinake mañeva fañeveñañe, mpitàm-pañìna naho
miferenaiñe amo mikoko Azo naho miambeñe o lili'oo; [5] nandilatse zahay, nanao
hakeo naho tahiñe, fa niola vaho nihànkañe amo fandilia'oo naho o fepè'oo.
[6] Tsy nihaoñe'ay o mpitoky mpitoro'oo, ie ami'ty tahina'o iereo te nisaontsy amo
mpanjaka'aio naho amo mpifehe'aio naho amo roae'aio vaho amo hene' ondaty
i taneio. [7] Ry Talè, Azo ty havantañañe, anay ty fisalaran-daharañe, manahake
henanekeo; le am' ondati' Iehodào naho o mpimone' Ierosalaimeo vaho am' Israele
iaby, o marineo naho o tsietoitane añeo amo fonga tane nandroaha'o iareo ty
amy lilatse nandilara' iareoo. [8] Ry Talè toe ama'ay ty fisalaran-daharañe, amo
mpanjaka'aio naho amo mpifehe'aio, vaho amo roae'aio, ty amo ota-faly nanoe'ay
ama'oo. [9] Amy Talè Andrianañahare'ay ty fiferenaiñañe naho ty fampipohan-kakeo,
fe niola zahay, [10] naho tsy nihaoñe'ay ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare'ay
hañaveloa'ay amo Tsara'e najado'e añatrefa'ay am-pitoky mpitoro'eo. [11] Fonga
nandilatse amy fetse'oy t'Israele, niamboho tsy nahajanjiñe ty fiarañanaña'o; zay
ty nifetsaha' i fatsey ama'ay naho i fanta sinokitse amy Tsara' i Mosè, mpitoron'
Añaharey, ty amo haota-faly nanoe'ay ama'eo. [12] Fa nampihenefe'e o tsara nitsarae'e
ama'aio, naho amo mpizaka nifelek' anaio, amo hankàñe nafetsa'e ama'aio; o
le lia'ey tsy nanoeñe ambanen-dikerañe iabio le fa nanoeñe am' Ierosalaime.
[13] Ie sinokitse amy Tsara' i Mosèy ao, le nidaiñe ama'ay o hekoheko rezao,
fa tsy pinai'ay ty lahara' IEHOVÀ Andrianañahare'ay hiambohoa'ay o hakeo'aio,
haharendreke ty hatò. [14] Aa le nampihitrife' IEHOVÀ i fandilovañey vaho nafetsa'e
ama'ay; amy te vantañe amo fitoloñañe anoe'e iabio t'IEHOVÀ Andrianañahare'ay,
zahay nañatola amy fiarañanaña'ey. [15] Ie amy zao, ry Talè Andrianañahare'ay,
Ihe nañakatse ondati'oo an-tane Mitsraime am-pitañe maozatse naho nahazoa'o
tahinañe midodea, manahake henane zao; toe nandilatse zahay vaho nañota

‡ **8:21** Iavane: Mivore: mae, tozantoza; Grike

faly. 16 Ry Talè, ty amo havañona’o iabio, ehe ampitoliho tsy homb’ an-drova’o
Ierosalaime, vohi’o miavakey, ty haviñera’o naho ty fiforoforoa’o; amy te sirikae’
ondaty mañohok’ anaio t’Ierosalaime naho ondati’oo ty amo hakeo’aio naho o tahin-
droae’aio. 17 Ie amy zao, ry Andriananahare’ay, janjiño ty halali’ i mpitoro’oy naho
o fisolohoa’eo, vaho ampireandreaño ty lahara’o, ty ama’o, ry Talè, ty amy toe’o
miavake nampangoakoaheñey. 18 Ry Andriananahareko, atokilaño ty ravembia’o
le mijanjiña; sokafo o fihaino’oo vaho vazohò ty fangoakoaha’ay naho i rova
tokaveñe ami’ty tahina’oy; toe tsy ty havañona’ay ty itaroña’ay halaly añatrefa’o, fa
o fiferenaiña’o tsi-fotofotoo. 19 Mijanjiña, ry Talè; mañahà hakeo, Rañandria; haoño
vaho mitoloña ry Talè; ko mihànkañe, ry Andriananahareko, ty amy tahina’oy, amy
te kanjieñe ami’ty tahina’o i rova’oy naho ondati’oo.
20 Ie nivolañe naho nilolоke vaho nisoloho amo tahikoo naho amo hakeo’ ondatiko
Israeleo, vaho nitaron-kalaly añatrefa’ Iehovà Andriananahareko ty amy vohi-masin’
Añaharekoy; 21 aa ie mbe nivolañe am-pilolofañe, va’e amy fisoroñañe harivay,
le nihela-pitiliñe amako t’i Gabriele nitendrek’ amako amy aroñaroñe valoha’ey
vaho nañedre ahy. 22 Nampandrendrehe’e naho nisaontsia’e ty hoe: Ry Daniele,
nivotrake etoan-draho hampahafohiñ’ azo i aroñaroñey. 23 Ie vaho nihalaly, le
nahitrike i tsaray, le ingo te pok’ etoan-draho hañoke azo; fa vata’e kokoan-
drehe; aa le fohino o tsarao naho rendreho o aroñaroñeo. 24 Fa najadoñe am’
ondati’oo naho amy rova’o miavakey ty hereñandro fitompolo hampijihetse i fiolày,
hampigadon-kakeo, hañefetse o tahiñeo, hampizilike havantañañe tsy ho modo
nainai’e, naho hanjitse ty aroñaroñe naho ty fitokiañe, vaho horizañe i Masiñe
do’ey. 25 Mahafohina arè naho maharendreha t’ie hifototse ami’ ty fitseizañe i tsara
hampipolieñe ondatio hamboatse Ierosalaimey, am-para’ i Mpifehe Tinendrey, le ho
hereñandro fito naho hereñandro enempolo-ro’ amby, vaho hamboareñe indraike
i damokey naho i kijoliy, an-tsam-poheke. 26 Aa ie modo i hereñandro enem-polo-
ro’amby rey le haitoañe tsy amam-panàñañe i Norizañey; le homb’eo ondati’ i
mpifelekeio handrotsake i rovay naho i toetse miavakey; le hoe fisorotombahañe ty
ho figadoña’e le fampangoakoahañe ty nalahatse am-para te heneke i aliy. 27 Hanoe’e
fañina mijadoñe amy màroy ho ami’ty hereñandro raike; fe añivo’ i hereñandroy re
ro hampijihetse i soroñey naho i engay, le añ’elan-draha tiva ty hampangoakoahe’e,
ampara’ te nadoañe amy mpampangoakey* i famongorañe nafetsey.

# 10

1 Ie tan-taom-paha-telo’ i Kòrese mpanjaka’ i Parase, le nibentareñe amy Daniele
natao Beltesatsare ty tsara; to i tsaray, toe hotakotake jabajaba; nioni’e i tsaray vaho
nahafohiñe i aroñaroñey. 2 Ie tañ’ andro zay, nandala telo hereñandro garagadìñe,
izaho Daniele. 3 Tsy nihinan-kàne mafiry naho tsy nizilik’ am-bavako ao ty hena
ndra divay; vaho le lia’e tsy nihoso-batañe am-para’ te niheneke i hereñandro telo
do’ey. 4 Aa ie amy andro faha-roa-polo-efats’ ambi’ i volam-baloha’ey, le tañolo’
ty oñe jabajaba atao Kidekele* raho; 5 ie naandrako o masokoo le nitreako te ingo
t’indaty misikin-deny naho miè-bolamena ki’e boak’e Ofaze†; 6 nanahake ty vatosoa’
i Tarsise‡ ty sandri’e, naho hoe helatse ty lahara’e, naho hoe failo o fihaino’eo, naho
hoe volon-torisìke solanto’e o fità’eo naho o fandia’eo, vaho nanahake ty firedoña’
i màroy ty fiarañanaña’e. 7 Zaho Daniele avao ty nahatrea i aroñaroñey, le tsy
nahaisake i aroñaroñey ondaty nindre amakoo, fa fangebahebahañe ty nivotrahañe
naho nitriban-day vaho nietak’ añe. 8 Le nidoñe eo avao raho nañente i aroñaroñe
ra’elahiy, vaho ni-po-kaozarañe, nikomavo ty vintako, le tsy nahatan-kafatrarañe.

* 9:27 Mat 24:15 * 10:4 Kidekele; fiarañanañañe masio; feo † 10:5 Ofaze: volamena ki’e ‡ 10:6 Tarsise: miereñere; mihotsohotso

[9] Tsinanoko ty fiarañanaña' o tsara'eo, le izaho nitsanoñe ty fiarañanaña' o tsara'eo
ro nampilañahen-droro an-tareheko, ty pandako nitolik' an-tane.
[10] Nañedre ahy amy zao ty fitàñe nampihohok' ahy añ'ongotse naho an-dela-
tañañe. [11] Le hoe re tamako, O Daniele, ondaty toe kokoañeo, tsendreño ty
tsara hitaroñako, le mitrahàña naho mijohaña; fa nampihitrifeñe ama'o raho. Ie
nisaontsie'e i tsaray le nijagarìdiñe an-titititike avao raho. [12] Le hoe re amako, Ko
hemban-drehe, Daniele, fa boak' amy andro valoha' i nanolora'o arofo hahafohiñe,
naho nampisotrie'o añ' atrefan' Añahare ty fiai'oiy, le fa jinanjiñe o enta'oo, vaho
o saontsi'oo ty nivotrahako etoañe; [13] fe nanebañe ahy andro roapolo-raik' amby ty
roandria mpifehe' i Parase; ie amy zay niheo amako mb'eo t'i Mikaele§, raik' amo
mpifehe amboneo, nañolotse ahy tsy ho paiañe amo mpanjaka' i Paraseo ka. [14] Pok'
etoan-draho hampahafohiñe azo ty hifetsak' am' ondati'oo amo andro honka'eo, fe
mbe andro maro añe i niaroñaroñañey. [15] Aa ie nisaontsy i tsaray amako, le nitolik'
mb'an-tane raho vaho nijomohõñe. [16] Le ingo te nitsapa o soñikoo ty hambam-
bintañ' ami'ty ana'ondaty; le nanoka-bava, nanao ty hoe amy nijohañe aoloko eoy:
Ry Talèko, mampioremeñe ahy i aroñaroñey vaho tsy mahatàn-kafatrarañe. [17] Fa
aia ty mpitoron-Talèko t'ie hahafivolañe amy Talè? Aa izaho henane zay, le tsy
aman-kery vaho tsy nahakofòke. [18] Nimb' amako indraike indaty manahake i ana'
ondatiy, nañedre naho nañohò ahy. [19] Hoe re, Ko hemban-drehe, ry toe kokoañeo,
fañaintsiñe ama'o, mifalea, naho mijangaña. Ie nisaontsy amako le nihafatratse vaho
nanoeko ty hoe: Ehe isaontsio ry Talèko fa nampahozare'o. [20] Aa le hoe re, Fohi'o
hao ty nivotrahako ama'o etoy? Amy t'ie tsy mete tsy mibalike hialy amy roandria'
i Parasey; le ie engako, ho avy ka ty roandria' Iavane. [21] Fe ho razañeko ama'o i
misokitse amy boken-katòy; zaho tsy amam-pañolotse amy raha rezay, naho tsy i
Mikaele roandria'oy avao.

# 11

[1] Aa ty amako, ie tan-taom-baloha' i Dariavese nte-Madày le nitroatse hañosike
naho hampaozatse aze. [2] Ie henane zao le haboako ama'o ty hatò. Inay, fa ho
mpanjaka telo ty e Parase ao, fa hanontoñe vara bey te amy telo rey iaby ty fah'efatse;
le i hafatrara'ey añamo vara'eo ty hampitrobotroboe'e i màroy haname Iavane.
[3] Hiongak' amy zao ty mpanjaka mahimbañe, le ho felehe'e ty fifeheañe jabajaba
vaho hanoe'e ze satri'e. [4] Fa ie mifehe, le ho folaheñe i fifehea'ey vaho ho zaraeñe
amo tiok'efa' i likerañeio, fe tsy amo tarira'eo, ndra amy fifeheañe nifelehe'ey; fa
hombotañe ho amo ila'e tsy a' iareoo i fifehea'ey.
[5] Le i mpanjaka' i atimoiy, ty raik' amo mpifele'eo ro hampifatra-batañe naho
handikoatse aze vaho hihaozatse; ho bey henehene i fifehea'ey. [6] Fa ie migadoñe
i sa zay, le hifampipiteke iereo; fa homb' amy mpanjaka' i avaratsey ty anak'
ampela' i atimoy hifañina, fe tsy ho tana'e ty hafatraram-pità'e; tsy hahafitroatse
ka i lahilahiy ndra i fità'ey, fa haitoañe rekets' o nanese azeo naho i nisamak'
azey, vaho o mpañimb' aze amy andro zaio. [7] Fe boak' ami'ty singam-baha'e ty
hitroara' ty raik' amy fiambesa'ey naho hivotrak' amy mpirai-lian-dahindefoñey
naho himoak' an-kijoly fatra' i mpanjaka avaratsey naho hanoe'e am' iereo ze satri'e,
vaho hahagioke; [8] le fonga ho tavane'e naho hendese'e am-pandrohizañe mb'e
Mitsraime añe o ndrahare' iareoo, rekets' o roandria'eo, naho o fanake volafoty
naho volamena sarotseo, ie hahatam-bàtañe taoñe maromaro amy mpanjaka' i
avaratseiy. [9] Zay ty himoaha' i mpanjaka' i atimoy i fifeheañey vaho himpoly an-
tane'e añe. [10] Fe hitrobo-vatañe o ana'eo naho hatonto' iareo ty hatozantozan-
dian-dahindefoñe naho hiherereake mb'eo, le hisorotombake, naho hiranga, naho

§ **10:13** Mikaele: mireke; Aia ty hambañ' amy Ia?

hitolike vaho haname i kijoli'e fatratsey an-kaviñerañe. [11] Aa le hiforoforo amy
zao i mpanjaka' i atimoy naho haname aze vaho hialy ama'e, amy mpanjaka' i
avaratseiy, aa ndra t'ie valobohòke ro havotra'e amy montoñey, toe hene hatolotse
am-pità'e i valobohòkey. [12] Aa ie fa nasese'e i valobohòkey, le hirengevoke ty arofo'e,
vaho añ' ale añ' ale ty hafetsa'e ambane, fe tsy hampanjofak' aze. [13] Ie añe, le
hatonto' i mpanjaka avaratsey ty lahi-ale mandikoatse i teoy, le ie am-pigadoñan-
tsà naho taoñe ro hañoridañe mb'eo reketse lian-dahialen-defoñe mitozantozañe
naho haraotse tsifotofoto. [14] Fe maro ty hitroatse haname i mpanjaka' i atimoy amy
sa zay; o ana-piaroteñe am'ondati'oo ty hitroatse hañenefa' iareo i aroñaroñey,
fe hihotrake. [15] Aa le homb'eo ty mpanjaka' i avaratsey hamotry tamboho naho
hitavañe ty rova maòzatse, le tsy hahatañ' aze o fità'atimoo, ndra i lia-raike jinobo'ey,
ie ho po-haozarañe tsy hahafitroatse. [16] Hanao ze satri'e i haname azey, naho tsy eo
ty hahafiatrek' ama'e, ie hijohañe amy tane engeñey, vaho fanjamanañe ty ho am-
pità'e. [17] Hampiatrefe'e laharañe homba'e mb'eo reketse ze hene haozaram-pifehea'e
naho hifañina'e: hatolo'e aze ty anak' ampelan-drakemba, hampimomohañe aze;
fe tsy hijohañe ho aze i ampelay vaho tsy ho tohaña'e. [18] Aa le hampitolihe'e
mb'amo tokonoseo ty lahara'e, le ho tavane'e ty maro, fe hampijihetse ty fañinjea'e
ty roandriañe vaho hafote'e ama'e i fañinjea'ey. [19] Hampitolihe'e laharañe mb' amo
kijoly an-tane'eo, fe hitsikapy re toe hikoromake vaho tsy ho tendreke ka. [20] Hitroatse
handimbe aze ty hampiranga mpamori-haba ami'ty enge' i fifeheañey; f'ie modo ty
andro tsy ampe le ho folake tsy aman-kaboseke tsy aman-aly.
[21] Handimbe aze ty lo-tsereke; tsy hatolotse ama'e ty asi' i fifeheañey; f'ie hivotrake
eo am-pilongoañe le ho azo'e an-kabeake i fifeheañey. [22] Lahindefo tsifotofoto ty
hisaok' añatrefa'e hoe sinaon-tsorotombake, vaho ho pozaheñe; eka, ndra i ana-
dona' i fañinaiy. [23] Ie nifandrimboñe, te mone hitolom-pamañahiañe, vaho hitroatse
naho hihaozatse am-borizàñe kedekedeke. [24] Hivotrak' amo toetse vondrak' amy
faritaneio re an-tsam-pierañerañañe; vaho hanoe'e am' iereo ty tsy nanoen-drae'e,
ndra o roaen-drae'eo; ho zarae'e am' iereo ty tsindroke, ty kopake, naho ty vara;
eka hikinia ty fikililia'e amo rova fatratseo fe am-para' i àndroy avao. [25] Ho
trobotroboe'e ty hafatrara'e naho ty hahavania'e hiatreke i mpanjaka' i atimoy ami'ty
hatozantozan-dahin-defo'e; hihàroke hihotakotake ty mpanjaka' i atimoy an-dia-rain-
dahin-defo jabajaba naho maozatse; fe tsy hahafijohañe, amy t'ie hikinià' iareo.
[26] Eka, o mitrao-pikama ama'eo ty handrotsak' aze, naho hisaok' añe i lia-rain-
dahin-defo'ey, vaho lako ty hitsingoritritse am-pizamanañe. [27] Le ty amy mpanjaka
roroey, hifamañahy avao ty arofo' iareo, vaho hifandañitse am-pandambañañe
eo, fe tsy hiraorao; amy te i andro tinendrey avao ty higadoña'e. [28] Ie mimpoly
mb'an-tane'e mb' eo, amam-bara tsifotofoto, le te hiatreatre i fañina miavakey
ty tro'e, naho hanoe'e ze satri'e, vaho himpoly an-tane'e añe. [29] Ie añ'andro
tinendre le hibalike, vaho hivotrak' atimo ao; fe tsy ho hambañe amy taoloy i
henane zay. [30] F'ie tamè o sambo' i Kitìo le hanahelo naho himpoly vaho hatorifi'e
i fañina miavakey; aa le hanoe'e ze satri'e naho hibalike vaho hitrao-kilily amo
namorintseñe i fañina miavakeio. [31] Hanontoñe lahin-defon-dre, le ho leore' iareo
i toetse miavakey naho i rova fatratsey, vaho hapitso' iareo i fisoroñañe boak'
àndroy, handimbeza' iareo fiterateràñe mampangoakoake*. [32] Hanao kabeake re
hampanan-kakeo o mifotetse amy fañinaio, fe hihaozatse ondaty mahafohiñe an'
Andriananañahare'eo vaho hitoloñe. [33] Hampahilala i màroy o mahihitse am'ondatio,
fe hampikorovohem-pibara naho afo, naho fandrohizañe, vaho fikopahañe andro
maro. [34] Ie mikorovoke le holorañe fañolorañe kedeke, fe an-tsiriry ty hipiteha'
i màroy am' iereo. [35] Hitsikapy ka ty ila' o mahihitse am' iereoo, ho tranaheñe

* **11:31** Dan 8:13, 9:27, Mat 24:15

naho lioveñe naho fotieñe ampara' ty sa honka'e, fa mbe añe i andro tinendrey.
36 Hanao ze satri'e i mpanjakay, hitoabotse naho hisenge ambone' ze atao ndrahare
naho hilañoñe haterateràñe mahatangoangoa aman' Andriananañaharen-drahare
vaho hiraorao am-para' te heneke i hatorifihañey, fa ho henefeñe ze tinendre. 37 Tsy
hahoa'e t'i Andriananañaharen-droae'e, ndra ty fikokoan-ampela, ndra ty fañisohan'
añahare ia'ia; fa hitoabotoabotse ambone' ze kila raha. 38 Te mone hiasia'e ty
ndraharen-toem-pàtratse, ndrahare tsy nifohin-droae'e; hiasie'e am-bolamena naho
volafoty naho vato-soa vaho hareañe saro-bily. 39 Hitraok' amo mpiaman-drahare
kihàfao re hamboatse fipalirañe maozatse, le hampitoabore'e ty enge' iareo naho
hampifelehe'e ty maro vaho ho zarae'e i taney hahazoa'e tombo'e. 40 Aa ie migadoñe
i sa zay le hikapàke ama'e ty mpanjaka atimo, fe hampibobo tangololahy ama'e an-
tsarete ty mpanjaka avaratse reketse soavala vaho sambo maro, hene hivotraha'e o
taneo, ho sorotombahe'e ami'ty firanga'e mb'eo. 41 Homb' amy tane rengèñey re
le hihotrake ty fifeheañe maro, fe iretoañe ty hipolatitse am-pità'e: i Edome† naho
i Moabe vaho ty talen' ana' i Amone‡. 42 Hatorakitsi'e amo taneo ty fità'e vaho tsy
hahafandrifitse ama'e ty tane Mitsraime. 43 Fonga ho fehè'e o vara volamena naho
volafotio naho ze raha saro-bili' i Mitsraime; le ho atimpahe'e o nte-Lobìo naho
o nte-Kosio. 44 Fe hitsobore aze ty talily boak' atiñanañe naho avaratse añe; aa
le hionjomb'eo re am-poroforo mandofiry handrotsake naho hanjamañe ty maro.
45 Hajado'e añivo' o riakeo naho i vohitse miavake fanjàkay o sokemitrahan-drova'eo
vaho higadoñe ty fiai'e, tsy amam-pañolotse.

# 12

1 Ie henane zay, hiongake t'i Mikaele, roandriañe ra'elahy mpañolots' o ana'
ondati'oo, fa ho san-kasotriañe mbe tsy nizò boak' am-pifotora' ondatio ampara'
henaneo; fa ho rombaheñe amy sa zay ondati'oo, ze hene oniñe sinokitse amy bokey
ao. 2 Maro amo mirotse an-debokeo ty ho vañoneñe, ty ila'e ho mb'an-kaveloñe
nainai'e, vaho ty ila'e mb'an-kasalarañe naho falaiñañe tsy modo. 3 Hireandreañe
manahake ty hazavà' i lañelañen-dikerañey o mahilalao; naho hoe o vasiañe
nainai'eo o mampitolike ty màro mb'an-kavañonañeo. 4 Aa ihe ka ry Daniele, akafiro
i tsaray, naho liteo i bokey ampara' ty figadoñan' andro; maro ty hibelobelo an-day
vaho hitombo o hilalao. 5 Nañente raho, Daniele, le indroa ty roe ila'e nijohañe
ey, ty raik' añ' olo' i oñey etoa naho ty raik' añ' olo' i oñey eroa. 6 Le hoe ty
raike amy misikin-deny ambone' o rano' i oñeio, Ombia ty ho figadoña' i raha
mahalatsa rey? 7 Tsinanoko amy zao indaty nisikin-deny ambone' o rano' i oñeio
eiy, ie nañonjo ty fità'e havana naho ty fità'e havia mb' andikerañe ey le nifanta
amy Veloñe an-tsa' an-tsay te ho sa raike naho sa roe vaho sa vaki'e; aa ie nagado'
iareo ty fampiparatsahañe ty haozara' ondaty miavakeo, le ho heneke iaby irezay.
8 Tsinanoko fe tsy nirendreko; le hoe raho, Ry Talèko, ino ty fahahenefañe o raha
zao? 9 Aa le hoe re, Akia, Daniele, fa milite o tsara zao vaho fa vinoli-fitomboke pak'
an-tsam-pahahenefañe*. 10 Hiefetse ho foty matsatsaoke ty maro te tranaheñe; fe
hiharaty o lo-tserekeo; leo raik' amo tsereheñeo tsy haharendreke, fa o mahihitseo
ro hahafohiñe. 11 Ie mifototse amy fanjiherañe i fisoroñañe boak' androiy pak' amy
fampitroarañe i fiterateràñe mampangoakoakey le ho andro arivo-tsi-roanjato-tsi-
sivampolo. 12 Haha ty mahaliñe vaho mahatratse i andro fah' arivo-tsi-telon-jato-tsi-
telopolo-lim' ambiy. 13 Hañavelo ampara' ty hamodoan-drehe le hitofa vaho hitroatse
mb'amy anjara'oy an-tsehangan'andro añe.

† **11:41** Edome: mena, hoe tane; lio ‡ **11:41** Amone: foko; ana' ondatikoo * **12:9** Dan 12:4, Ben 20:3

# Hosèa

1 Niheo amy Hosea* ana' i Bierý† ty tsara' IEHOVÀ faha' i Ozià naho Iotame naho i
Akhaze‡ naho Khizkiia§ mpanjaka Iehodà, vaho Iarobàme* ana' Ioàse†, mpanjaka'
Israele‡.
2 Ie namotsotse nitsara amy Hosea t'IEHOVÀ, le hoe t'IEHOVÀ amy Hosea, Akia
mañengà karapilo ho vali'o, ty anak' ampela boak' an-kàrapiloañe ao; fa toe mpanao
hakarapiloan-kalalijake naho miamboho am' IEHOVÀ o taneo. 3 Aa le nimb'eo re
nañenga i Gomere§, ana' i Diblaime*, le niaren-dre vaho nisamaha'e anadahy. 4 Le
hoe t'IEHOVÀ ama'e, Toñono ty hoe Iezreèle† ty añara'e; fa tsy ho ela te havaleko
ami'ty anjomba' Iehò‡ ty lio' Iezreèle, vaho hagàdoko ty fifehean' anjomba' Israele.
5 Ie amy andro zay, ho pozaheko ty fale' Israele am-bavatane' Iezreèle ao. 6 Niareñe
indraike re nahatoly anak' ampela, le hoe re tama'e, Toñono ty hoe Lorokamà§
ty añara'e: fa tsy ho ferenaiñako ka ty anjomba' Israele, toe tsy iheveako. 7 Fe
ho tretrezeko ty anjomba' Iehodà le ho rombaheko añam' IEHOVÀ Andrianañahare'
iareoy, fa tsy ho rombaheko am-pale ndra fibara ndra hotakotake ndra soavala ndra
mpiningi-tsoavala.
8 Aa ie notañe'e t'i Lorokamà, le niareñe indraike nisamak' anadahy. 9 Le hoe re,
Toñono ty hoe Loamý* fa tsy ondatiko nahareo vaho tsy ho Andrianañahare' areo
raho.

## 2

1 Fe mbe ho mira amo fasen-driakeo ty ia' o ana' Israeleo, ze tsy ho mete zeheñe
ndra iaheñe; ie amy zay, amy tane nanoañe ama' areo te Tsy ondatiko nahareoy, ty
hafetse am' iereo te Anan' Añahare Veloñe. 2 Le hifanontoñe o ana' Iehodào naho
o ana' Israeleo, naho ho tendrè' iareo ty mpiaolo raike ho a iareo, vaho hitombo
an-tane eo: fa jabajaba ty andro' Iezreèle.
3 Anò amo roahalahi' areoo ty hoe: Amý*, naho aman-droahavave' areo ty hoe;
Rohamà†
4 Mifanjomora aman-drene' areo;
mifangatora;
fa tsy tañanjombako,
vaho tsy vali'e raho.
Aa le ampañafaho an-tarehe'e eo
o hakarapiloa'eo naho
añivo' o fatroa'eo
o fandrañaota'eo;
5 tsy mone ho holireko,
naho hapoko manahake
i andro nahatoly azey,
naho hanoeko hoe tane ratraratra,
naho hadoko an-tane maik' añe
vaho havetrako an-karan-dranoañe.
6 Tsy hiferenaiñako ka o ana'eo

---

* 1:1 Hosea: mpandrombake; fitsolohañe † 1:1 Bierý: ty vovoko ‡ 1:1 Akhaze: mpitavañe § 1:1 Khizkiia: haozara' IEHOVÀ * 1:1 Iarobàme: mpandietse ondaty † 1:1 Ioàse: ty mamoe'ay, he miforehetse ‡ 1:1 Israele: mpifanehak' aman'Añahare § 1:3 Gomere: mahafonitse; mahaheneke * 1:3 Diblaime: Sakoañe maroan-tsinga'e † 1:4 Iezreèle: Miongake t' IEHOVÀ; ty hazavà'e ‡ 1:4 Iehò: Ie ze Ie § 1:6 Lorokamà: tsy nitretrezañe * 1:9 Loamý: tsy ondatiko * 2:3 Amý: ondatikoo † 2:3 Rohamà: niferenaiñañe

fa anak'amontoñe.
7 Toe nanao satan-tsimirira ty rene'iareo
nimeñatse i nampiareñe iareoy;
ie nanao ty hoe,
ho paiako añe o sakezako
mamahañe ahy mofo naho rano,
ty volon'añondry naho ty leniko,
ty menake vaho ty finomakoo.
8 Aa le ingo, ho faherako fatike ty lala'o,
vaho hañoreñako kijoly
tsy hahatreava'e ty homba'e.
9 Himanea'e orik' amy zao o sakeza'eo
fe tsy ho tra'e;
ho paia'e iereo fa tsy ho trea'e;
hanao ty hoe amy zao re,
Homb'eo raho himpoly
mb'amy valiko valoha'ey mb'eo,
fa nisoa te amo henaneo i henane zay.
10 Fa namoea'e te nanjotsoako
ampemba naho divay vaho menake;
le nampitomboeko ama'e
ty volafoty naho volamena
nañamboare' iareo Baaleo.
11 Hibalike raho le hendeseko
ty ampembako añ'andro'e
naho ty divaiko an-tsa'e,
vaho hasintako i volon'añondrikoy
naho i leny natoloko aze
hanaroña'e ty fihaloa'ey.
12 Ie henane zao, le ho boraheko ty fimeñara'e am-pahaisaha' o sakeza'eo,
le tsy eo ty hahavotsots' aze an-tañako.
13 Fonga hajiheko o hafalefalea'eo,
o sabadidam-pitontona'eo‡,
naho o pea-bola'eo, naho o fitofa'eo
vaho o hene androm-pamantaña'eo.
14 Ho firaeko añe o vahe'eo
naho o sakoa'eo;
i natao'e ty hoey, Tàngeko 'nio,
natolo' o sakezakoo ahiko;
aa le hafotsako ho ratraratra zay
ho fihina' o bibin-kivokeo.
15 Hampitiliheko ama'e ty andro' o Baaleo,
i nañoroa'e tsotse rezay,
ie niravake o bange'eo naho o fomela'eo,
naho nitsoeke o sakeza'eo
vaho nandikok' ahy, hoe t'Iehovà.
16 Aa le ingo t'ie ho sigiheko,
naho hendeseko mb'am-patrambey
mb'eo vaho hidiby aze an-troke.
17 Le hatoloko aze ty tanem-bahe boak'añe,

‡ **2:13** Sabadidam-pitontonañe: P'sake, Halimampolo, Kibohotse

naho ty vavatane' i Akore§
ho lalam-pampitamàñe;
ie hisabo añe manahake
tañ'andron-katora'e,
hambañe amy andro niakara'e
an-tane Mitsraime* añey.
18 Amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ, le ho kanjie'o raho ami'ty hoe Valiko, vaho
tsy hatao'o Baale ka. 19 Fa hasintako am-bava'e ao ty añara' o Baaleo, vaho tsy
ho toñoneñe ka o añara'eo. 20 Ie amy andro zay, hanoeko fañina añivo' iereo
naho o bibin-kivokeo naho o voron-dikerañeo, naho o milaly an-tane eoo; le ho
pozaheko ty fale naho ty fibara naho ty fihotakotaha' ty tane toy vaho hampiroteko
am-pierañerañañe. 21 Le ho fofoeko ho ahy nainai'e; eka ho fofoeko ho ahy an-
kavantañañe naho an-katò naho an-kafatraram-pikokoañe naho fiferenaiñañe; 22 ie
fofoeko ho ahy am-pigahiñañe, le ho fohi'o t'IEHOVÀ.
23 Ie amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ,
le hamale raho, ho toiñeko o likerañeo,
vaho ho valè' iereo i taney;
24 le hamale i ampembay
naho i divaiy naho i menakey ty tane;
vaho ho valè' iareo t'Iezreèle.
25 Le ho tongiseko ho ahy an-tane ao re;
naho ho ferenaiñako i tsy niferenaiñañey
naho hataoko amo tsy ni-ondatikoo ty hoe : Ondatiko rehe;
vaho hanoa' iareo ty hoe:
Andriananañahareko.

# 3

1 Le hoe t'IEHOVÀ amako; Akia rehe: Ikokò ty rakemba ikokoan-tsakeza'e, ie toe
karapilo, manahake ty fikokoa' IEHOVÀ o ana' Israeleo, ie mitolik' aman-drahare ila'e
vaho mpitea mofom-balòboke. 2 Aa le viniliko ho ahiko re ami'ty volafoty folo-
lim'amby naho ampemba omere raike naho tampa'e; 3 le hoe raho ama'e, Himoneñe
amako andro maro rehe; fa tsy hihisa ankarapiloañe ka, naho tsy hiharo amy t'indaty
ila'e; le hoe zay ka izaho ama'o. 4 Amy te himoneñe andro maro tsy amam-panjàka
tsy aman-Talè, tsy aman-tsòroñe, tsy aman-tsamposampo, tsy aman'efode* vaho tsy
aman-terafeme† o nte-Israeleo. 5 Ie modo zay, le himpoly o ana' Israeleo, hipay IEHOVÀ
Andriananañahare' iareo, naho i Davide mpanjaka' iareo; vaho hañeveñe am' IEHOVÀ
naho i fatariha'ey amo andro sehanga'eo.

# 4

1 Janjiño ty tsara'IEHOVÀ: ry ana' Israeleo;
amy te atreatré' IEHOVÀ o mpimoneñe an-tane atoio.
Fa tsy aman-katò,
tsy mitretrè, tsy mahafohiñe
an' Andriananañahare ty an-tane ao.
2 Te mone fàtse, naho lañitse,
naho hohodan-doza,
naho kametse,
vaho hakarapiloañe ty itoloña' iareo,
le mifanoitoy ami'ty lio ty lio.

---

§ 2:17 Akore: am-poheke * 2:17 Mitsraime: Mpamorekeke; hasotriañe * 3:4 Efode: hareañe † 3:4 Terafime: sare fihalaliañe

3 Aa le handala ty tane, naho
fonga hinìke ze mpimoneñe ao,
naho o bibin-kivokeo
naho o voron-dikerañeo;
vaho hasese añe ka o fian-driakeo.
4 Asoao tsy ho liereñe
tsy ho endakendaheñe,
fa manahake ty mpifandietse
ami'ty mpisoroñe ondatikoo.
5 Aa le hikorovoke antoandro rehe,
le hindre hihotrak' ama'o ty mpitoky
naho haleñe, vaho havetrako ty rene'o.
6 Rotsake ondatikoo fa po-hilala,
aa kanao narinjèñe'o ty hihitse
le hariako amo fisoroñañeo rehe;
kanao nandikofa'o
o Tsaran'Añahare'oo,
le ho haliñoko ka o ana'oo.
7 Ie nampitoaboreñe iereo
àntsake t'ie nandilatse amako;
aa le hafoteko ho fisalarañe ty asi' iareo.
8 Fihinana' iareo o engan-kakeo' ondatikoo,
vontitire' iereo an-tro'e ao o tahi' iareoo.
9 Le zao ty ho ie te
hira ami'ty ondaty ty mpisoroñe;
sindre ho liloveko ty amo sata'eo,
vaho hondroheko ty amo fitoloña'eo.
10 Hikama iereo fe tsy ho anjañe;
hanao hakarapiloañe fe tsy hitombo,
amy te napo' iereo ty hañaoñe
am' IEHOVÀ
11 Mitavañe arofo ty hakarapiloañe,
naho ty divay, vaho i divay vaoy.
12 Mihalaly hevetse am-poto-katae'eo ondatikoo,
vaho manoiñe ty kobai' iareo;
fa nampandilatse iareo
ty fañahin-kakarapiloañe,
vaho nifarie'iereo t'i Andrianañahare'iareo.
13 Mañenga soroñe am-bohitse ey iereo
naho mañembok' an-kaboañe ey,
ambane' o kileo naho o talìo,
vaho o mendoraveñeo,
o mañaloke soao;
aa le manao hakarapiloañe ka
o anak' ampela' areoo,
vaho mandrañaotse
o ana-drahavavem-bali' areoo.
14 Tsy ho tiliheko o anak'ampela' areoo
t'ie manao hakarapiloañe,
naho o ana-drahavavem-bali' areoo,
t'ie mandrañaotse;
fa mitrao-pañenga amo tsimirirañeo iereo, vaho miharo soroñe amo kalalijakeo;
toe hihotrake ondaty tsy aman-kilalao.

15 Aa ndra te manao hakarapiloan-drehe Israele, ko ampandilare'o t'Iehodà;
ko migodañe mb'e Gilgale, naho
ko mionjomb'e Bet'avène* mb'eo,
vaho ko mifanta ty hoe
Kanao veloñe t'IEHOVÀ.
16 Fa midisa-voly manahake
ty fidisa-volin-kiloa t'Israele;
aa vaho ho fahana' IEHOVÀ
hoe añondri-lahy midada iereo?
17 Kanao mitolon-tsamposampo
t'i Efraime†; adono ey.
18 Fa maseñe ty divai' iareo;
le mitoloñe hakarapiloañe avao;
tea' o mpifehe'oo ty haloloañe
te ami'ty engeñe.
19 Fa kinolopo' i tiokey añ'ela'e ao iereo
le ho salatse ty amo fisoroña' iareoo

# 5

1 Inao, ry mpisoroñeo,
mitsendreña ry anjomba' Israeleo,
manokilaña ravembia ry anjomba'
i mpanjakay, fa ama' areo i zakay;
amy t'ie fandrik' amy Mitspà*
naho harato nalafike ho amy Tabore†;
2 vaho mpiola miheotse t'ie mandenta
ndra te nendahako.
3 Fàntako t'i Efraime naho
tsy mietak' amako t'Israele;
fa manao hakarapiloan-drehe Efraime,
vaho maleotse t'Israele.
4 Tsy ho safirie' iareo ty himpoly aman'Añahare' iareo;
fa añivo' iareo ao ty fañahin-kakarapiloañe,
vaho tsy fohi' iereo t'IEHOVÀ.
5 Mitalily an-dahara'e
ty fiebotsebora' Israele;
toly ndra hitsikapy an-kakèo
t'Israele naho i Efraime;
hiharo hihotrak' am' iereo ka t'Iehodà.
6 Hendese' iereo ty lia-rai' iareo
naho o mpirai-tro' iareoo
ho paia' iereo t'IEHOVÀ,
fe tsy ho oniñe, fa nisitake.
7 Fa niola am' IEHOVÀ iereo,
naho nahatoly anak'amontoñe;
aa le habotse' ty pea-bolañe
reke-panañañe.
8 Tiofo e Gibà‡ i antsivay

---

* **4:15** Bet'avene: trañon-kakoahañe † **4:17** Efraime: mahavokatse; mitombo * **5:1** Mitspa: fitilik'abo; anjoanjo † **5:1** Tabore: talango'e; hiringiry; ‡ **5:8** Gibà; haboañe

naho e Ramà§ i soliy;
koiho e Bet'avene ty hankàñe:
mitoliha ry Beniamine*.
9 Ho koaheñe t'i Efraime
amy andro fandilovañey;
fa nampahafohineko o fifokoa'
Israeleo ze toe hifetsake.
10 Manahake ty mpameve vorovoro
o roandria' Iehodào;
hadoandoako am' iereo hoe rano
ty habosehako.
11 Forekekèñe t'i Efraime demok' an-jaka;
ie nañorike haloloañe an-tsatri'e.
12 Aa le ho bararaok' amy Efraime raho,
naho haloloañe amy anjomba' Iehodày.
13 Ie nahaoniñe i arete'ey t'i Efraime,
naho i fere'ey t'Iehodà,
le nihitrike mb' Asorey mb'eo,
naho nisangitrife'e i mpanjaka Iaribey†;
f'ie tsy hahajangañ' azo,
vaho tsy ho melañe'e i fere'oy.
14 Ho liona amy Efraime raho,
naho liona tora'e amy anjomba' Iehodày;
Zaho le Zaho avao ty handrimitse
vaho hienga;
hinday raho le ia ty haharombake.
15 Homb'eo raho himpoly
mb'añ'akibako añe,
ampara' t'ie miantoke o hakeo'eo,
naho mipay ty tareheko;
ie am-poheke ro hitsoek'ahy.

## 6

1 Antao, himpoly am' IEHOVÀ tika;
Ie ty nandrimitse,
naho ie ty hampijangañe antika,
Ie ty namofoke, naho ie ty hampidiañe antika.
2 Afake roe andro le hampiveloma'e, amy andro fahateloy ro hampitroara'e, himoneñan-tika am-pivazohoa'e eo.
3 Le hahafohiñe tika,
naho himane hahafohiñe IEHOVÀ;
Mionjoñe re manahake ty manjirik'àndro;
le hivotrak' amantika
manahake o orañeo,
i oram-pigadoñañey,
naho i orañe aolo an-tane atoiy.
4 Ry Efraime, ino ty hanoako ama'o?
Ry Iehodà, ino ty hanoako azo?
Hoe mika ty hasoa'o;
mimeatse añe te maraindray

§ **5:8** Ramà: ambone, miereñereñe * **5:8** Beniamine: am-pitan-kavana † **5:13** Iaribe: mpamale fate

manahake o misafononokeo.
5 Aa le nihatsafako añamo mpitokio,
nizamanako añamo fivolam-bavakoo;
hoe fipelaran-kelatse ty fizakañ' azo.
6 Toe fiferenaiñañe ty paiako,
fa tsy soroñe;
naho ty fahafohinañe an'Andrianañahare
te amo engan-koroañeo.
7 Fe manahake i Dame
ty nivaliha' iareo amy fañinay;
zay ty niolà' iareo amako.
8 Rova' o mpikitro-draha ratio t'i Gilade*,
tsitsike lian-dio.
9 Hoe firimbo-malaso mivoñoñe ondaty,
ty fañohofa' i fivorim-pisoroñey
loza an-tevan-dala' i Sekème† eo;
toe haloloañe ty anoe' iereo;
10 Naharendreke haleorañe añ'anjomba'
Israele ao raho;
zoeñe e Efraime ao ty hatsimirirañe,
naho naniva vatañe t'Israele.
11 F'ie nifotoañeko san-kavokaran-
drehe r'Iehodà,
ie hampoliko ty fandrohizañe ondatikoo.

# 7

1 Ie ho nanàha Israele raho,
le niafa-takoñe ty hakeo' i Efraime,
naho ty halò-tsere' i Somerone*;
fa nitolom-pamañahiañe;
mimoak' ao ty mpikizo
vaho mitavañe alafe eo
ty malaso mpifañosoñe.
2 Toe tsy tsakoré' iareo añ'arofo ao
te hene tiahiko ty halò-tsere' iareo;
miarikoboñe iareo ty sata' iareo,
aolo' ty tareheko eo.
3 Ampifalea' iareo i mpanjakay
amo sata-rati' iareoo,
naho o roandriañeo amo fandañira'eo.
4 Fonga mpandrañaotse
manahake ty toñake finana' i mpanoñakey
ie tsy nasoro'e sikal'ami'ty fibokobokoan-kòba ampara' ty fiboenara'e.
5 Tañ' andro' i mpanjakan-tikañey,
nisilofe' ty hamaen-divay o roandriañeo,
ie nañoho-pitañe amo mpandrabioñeo.
6 Fa hinalankañe hoe toñake
ty arofo' iareo,
ie mirekak' avao te haleñe ie mirotse avao i mpanoñakey;
le ie maraindray, miforehetse

* 6:8 Gilade: fitoaboran-talily (sisie) † 6:9 Sekeme: tevan-kaboa, hatoke; anjara * 7:1 Somerone: vohi-fitalakesañe

hoe afo milebaleba.
7 Manao hamaen-toñake iaby,
fa finorototo’ iareo o mpizaka’eo;
le fonga nihotrake o mpanjaka’eo;
leo raike tsy mikanjy ahy.
8 Efraime: mpitraok’ amo ambahinio,
hoe mokary tsy navalike t’i Efraime.
9 Nabotse’ o ambahinio ty haozara’e,
fe amoea’e;
eka etia naho atia ama’e ty maròy foty,
fe tsy rendre’e.
10 Mitalily an-dahara’e ty fisengea’ Israele,
fe mboe tsy nimpoly am’ Iehovà
Andrianañahare’e,
vaho mb’e mboe tsy mipay Aze iereo
amy hoe zay iaby.
11 Manahake deho minè t’i Efraime,
tsy mahafohiñe;
koihe’ iereo ty Mitsraime
vaho mionjomb’e Asore mb’eo.
12 Handafihako harato iereo te mañavelo;
ho tariheko mañambane
manahake o voron-dikerañeo;
ho liloveko iereo amy
nitalilieñe amy fivori’ iareoy.
13 Hankàñe ama’e! fa nandripàke amako;
firotsahañe am’ iereo fa niola amako!
Ho nijebañeko
f’ie nifosa vande.
14 Mboe tsy nitoreo amako
boak’añ’arofo iereo,
ndra t’ie mangolalaik’ am-pandreañ’ao;
nifanontoñe ty amy ampembay
naho i divay vaoy,
fe iambohoa’ iareo raho.
15 Ndra t’ie naòko, naho
nampifatrareko o sira’ iareoo,
mbe ikinia’ iareo haratiañe avao.
16 Nibalike iereo, fe tsy mañambone
hoe fale am-pañahy;
ho tsingoroem-pibara o roandria’eo
ami’ty firengevoham-pamele’ iareo,
zay ty ho fandrambioñañe
iareo an-tane Mitsraime añe.

# 8

1 Ano am-palie’o eo i antsivay,
hihelañe mb’añ’anjomba’ Iehovà
mb’eo re hoe vantio,
amy t’ie nivalik’ amy fañinakoy
vaho niola amo Fanoroakoo.
2 Hitoreo amako hao t’Israele:
Ry Andrianañahare,

fa nahafohiñ'Azo zahay.
3 Fa nahifi' Israele añe ty soa;
horidañe' o rafelahio iereo.
4 Nampijadoñe mpifeleke iereo,
fe tsy boak' amako;
manam-pifehe, fe nofiko;
nanoe' iereo ndrahare avao o volafoty naho volamena' iareoo, soa te haitoañe.
5 I bania'oy ry Somerone, ty nañitoañ' azo;
misolebotse ama'o ty habosehako;
ampara' te ombia t'ie hahatakatse
lio-hakeo?
6 F'ie boak' am' Israele;
rinanjim-pitoroñe;
toe tsy Andriananañahare;
le ho demoheñe i bania' i Somerone rey.
7 Nitongy i tiokey iereo,
vaho ho tatahe' iereo ty tangololahy;
tsy hanam-bokatse iereo;
tsy hiborake ty taho'e
fe ndra t'ie hamokatse,
habotse' ty ambahiny.
8 Fa nagodrañe t'Israele;
le hoe fanake tsy vara
amo kilakila' ondatio,
9 amy te nionjomb'Asore mb'eo,
i borìke lý mirerererey;
manambe sakeza t'i Efraime.
10 Aa ndra t'ie nandeta-vatañe amo fifeheañeo, hatontoko henaneo,
ie fa ninìke ty amy nampijiniam-panjaka
naho o roandriañeo.
11 Nampitombo kitrely handilara'e
t'i Efraime; hakeo ama'e i kitrely rey.
12 Sinokiko ama'e ty raha maro amy
Fanoroakoy
fe natao'e ho raha ankafaankafa.
13 Banabanae' iereo soron-draho,
isoroña' iareo hena naho kamae'e;
fe tsy no' IEHOVÀ;
ho tiahi'e o tahi' iareoo,
vaho ho vale'e o hakeo' iareoo;
himpoly mb'e Mitsraime mb'eo iereo.
14 Amy te nandikofa'Israele i Mpitsene azey, vaho nandranjy anjomba bey;
fa nampitombo kijoly t'Iakobe*;
aa le hañirahako afo o rova'eo,
fonga habotse'e o anjomba'eo.

# 9

1 Ko mirebeke ry Israele,
ko miriñariña an-kobaiñe
manahake ondatio;
nisitak' aman'Añahare'o rehe,

* **8:14** Iakobe: tomitse; misolo am-pitake

nitea’o ty tamben-karapilo
an-toe-panongàñe eo.
2 Tsy hahaeneñe iareo o toe-
pamofoha’eo naho o fipiritan-divaio,
vaho hifotetse ama’e ty divay vao.
3 Tsy ho tambatse an-tane’ IEHOVÀ ao;
fa hibalike mb’e Mitsraime mb’eo
t’i Efraime,
naho hilintseñe hàneñe tsy malio
e Asore añe.
4 Ie tsy mañilin-divay am’ IEHOVÀ,
naho tsy ho no’e ka o fisoroña’ iereoo,
fa hoe mofom-pandala,
fonga tiva ze mikama ama’e:
a’ iareo avao zay,
fe tsy mete mimoak’ amy anjomba’
IEHOVÀy ao ty mahakama’ iareo
ty amo arofo’ iareoo.
5 Ino ty hanoe’ areo amo
sabadidam-pitontonañeo?
naho amo andro namantaña’ IEHOVÀo?
6 Ingo te nisitaha’ iereo ty fandrotsahañe;
fe hatonto’ i Mitsraime, haleve’ i Mofe*
ho lovae’ o hisatseo ze nisoa amo
volafoti’ iareoo;
fatike ty hitiry amo kivoho’ iareoo.
7 Fa tondroke o androm-pitilihañeo
fa pok’eo o androm-pamaleañeo;
hapota’ Israele zay;
dagola ty mpitoky,
minè t’indaty entoen-troke,
ty amy fitoabora’ o hakeo’oo,
bey ty falaiñañe azo.
8 Mpijilojilon’ Añahareko t’i Efraime
fe fandri-bom-pitsindroke
o sata’ i mpitokiy iabio, toe falaiñañe añ’anjomban’Añahare’e ao.
9 Fa pok’ an-dalek’ ao iereo,
naniva vatañe manahake
tañ’andro’ i Gibà;
toly ndra ho tiahi’e o hakeo’eo
vaho ho tilihe’e o tahi’eo.
10 Tendrek’ ahy hoe valòboke
an-dratraratra añe t’Israele;
nitreako o rae’eo hoe loham-boan-tsakoa amy fifotora’ey;
fe nimoake e Baal-peore†
naho nañamba-batañe ho ami’ty hasalarañe,
vaho naniva vatañe
mira amo raha kokoa’ iareoo.
11 I Efraime: hitiliñe añe hoe voroñe
ty enge’ iareo,
ho po-pisamahañe,

---

* 9:6 Mofe: akiba o vañoñeo † 9:10 Baal-Peore: Talen-kirike, Andrian-davake

naho hakoahañe an-koviñe ao
vaho tsy am-piareñañe.
12 Ndra t'ie mañabey anake, hampandalàko,
tsy hahatoly lahilahy raike;
Eka! hankàñe am'iereo ka te isitahako.
13 I Efraime, manahake ty nahatreavako
i Tsore, ie tinongy an-tane fanjàka;
fe hakare' i Efraime ho amy
mpanjamañey o ana-dahi'eo.
14 Atoloro iareo, ry IEHOVÀ
ze satri'o hatolotse:
toloro hòviñe mampiboloañe
naho fatroa kapaike.
15 E Gilgale iaby o hakeo'eo,
tañe ty namotorako falaiñañe am' iareo,
ami'ty halò-tsere' o sata'eo ty
handroahako iareo amy anjombakoy,
tsy hikokoako ka;
fonga mpiola o roandria'eo.
16 Linafa t'i Efraime, maike o vaha'eo,
tsy hamokatse voa ka iereo;
aa ndra t'ie mahatoly,
haitoako ty sabon-koviñe noro' iareo.
17 Hahifin'Añahare añe iereo,
ami'ty tsy fañaoña' iareo Aze;
vaho ho mpirererere amo
kilakila'ondatio añe‡.

# 10

1 Vahe nandrevake t'Israele,
niregorego o voa'eo,
ie nitombo o famokara'eo,
le nampitomboe'e ka o kitreli'eo;
mira ami'ty havokara' i tane'ey
ty nampisomontie'e o samposampo'eo.
2 Fa mizara ty arofo' iareo;
fa hivave hakeo iereo;
ho hatsafe'e o kitreli' iareoo,
ho rotsahe'e o samposampo'eo.
3 Hanao ty hoe iereo te aniany,
Tsy amam-panjàka zahay,
ami'ty tsy fañeveña'ay am' IEHOVÀ;
fa ho nanao inoñe ho antika
ty mpanjaka?
4 Mivolambolañe avao iereo,
manao fanta vìlañe naho mifañìna;
aa le hitiry hoe lombiry
am-bavahalin-tete' iareo ty zaka.
5 Mihondrahondra o mpimone'
i Someroneo ty amo bania' i Bet'aveneo;
handala i baniay ondatio,

‡ **9:17** Its 28:36

naho o mpisoroñe
nañonjoñe azeo, ty amy enge'ey,
fa niakatse añe zay.
6 Ie hasese mb'e Asore añe
ho ravoravo am' Iarebe mpanjaka;
ho salareñe t'i Efraime,
vaho ho meñatse t'Israele
ty amo fañòha'eo.
7 I Somerone: fa naitoañe i mpanjaka'ey,
manahake ty vore
mihafoñ' ambone rano eo.
8 Ho rotsaheñe o kitreli' i Aveneo,
ty hakeo' Israele;
hitiry amo kitreli'e iabio ty fatike
naho ty hisatse,
le hanoeñe ty hoe o vohitseo,
Lembefo zahay;
naho o haboañeo,
Mitraboha ama'ay.
9 Ry Israele, fa nandilatse
hirik'añ'andro' i Gibà rehe;
nijihetse ey avao iereo;
Tsy nahafivohotse ondaty mirengevoke e Gibà ao i hotakotakey.
10 Ho liloveko an-tsatriko;
vaho hifanontoñe haname iareo
o kilakila' ondatio,
le ho rohizeñe ty amy
hakeo roe zay iereo.
11 Kiloa finolake t'i Efraime,
tea'e ty mandisañe;
le nampiariako ambone' i hàto'e fanjàkay
ty ana-joka, hitariha' i Efraime,
hitan-dasarý t'Iehodà, vaho
ho bonabonahe' Iakobe o boko'eo.
12 Mitongisa havantañañe,
mitataha fiferenaiñañe;
bonabonaho o moka' areoo;
fa tondroke ty fipaiañe Iehovà,
ampara' t'ie totsake eo
hampidoañe havañonañe ama' areo.
13 Navae' areo ty halò-tsereke,
nitatahe' areo ty hakeo,
ho kamae' areo ty vokam-pandañirañe,
amy te niatoa'o o sata'oo,
naho ty hatsifotofoto' o fanalolahi'oo.
14 Aa le hitroatse añivo' ondati'oo
ty fifandragaragàñe;
fonga ho rotsake o rova fatratseo,
manahake ty nandrotsaha'
i Salmane* i Bet'arbele†,

* 10:14 Salmane: mampilongo; fonitse; tambe † 10:14 Bet'arbele: Filonadonan'Andriananañahare

tañ'andro' i hotakotakey;
dinemoke rekets' an-drene'e o ana'eo.
15 Hambañe amy zay ty hanoa' i Betele o halò-tsere' areoo;
ho vata'e aitoañe ty mpanjaka' Israele
te maraindray.

# 11

1 Ie mbe ni-ajaja t'Israele, le nikokoako vaho tinokako hiakats' i Mitsraime i ana-
dahikoy.
2 Ie nikanjieko iereo
àntsake te nihànkañe,
nisoroñe amo Baaleo, vaho
nañembok' amo samposampoo.
3 Zaho ty nañoke i Efraime hitekeñe,
rinambeko an-tañañe,
fe tsy napota'iereo te
zaho ty nampijangañe.
4 Tinariko an-tali'ondaty,
am-bahem-pikokoañe,
le nanahake ty mpañaka-joka
an-kàto' iareo raho
vaho finahako mora.
5 Apoho himpoly mb'an-tane Mitsraime re,
naho ho mpanjaka'e t'i Asore,
amy t'ie mifoneñe tsy himpoly amako.
6 Hinininininike amo rova'eo i fibaray,
handrotsake ty sakan-dala'e,
naho hampibotseke, ty amy fikililia'iareo.
7 Imanea' ondatikoo ty hiola amako,
ndra t'ie mikaike mb' añ'Abo-Tia,
leo raike tsy mañonjoñ' Aze.
8 Akore ty hampipohako azo, ry Efraime?
Akore ty hanolorako azo, ry Israele?
Akore te hampanahafeko
amy Admà* ?
ndra t'ie hanoeñe hoe Tsibiìme†?
mikoretse ty an-troko ao,
naho hene niviañeñe o fiferenaiñakoo.
9 Tsy hafetsako ty hasiahan-kaviñerako,
tsy hibalike mb'amy Efraime handrotsake;
amy te Andrianañahare raho,
fa tsy ondaty;
t'i Masiñe añivo' areo ao;
tsy ho pok'eo an-kabosehañe raho.
10 Hañavelo am-pañorihañe IEHOVÀ iereo;
hitroñe manahake o lionao re;
aa ie mitromoroñe,
le hitititike boak' ahandrefañ'añe
ty ana'dahy maro.
11 Hanahake o voroñeo
ty hiborofota' iareo

* 11:8 Admà: hamenañe; hoe lio † 11:8 Tsibiìme: biby lý hoe añondry

boake Mitsraime añe,
naho hoe deho hirik' an-tane Asore añe;
ie hapoko añ'anjomba' iareo ao,
hoe t'IEHOVÀ.

# 12

1 Mañarikatoke ahy an-dañitse
t'i Efraime, naho am-pamañahiañe
ty anjomba' Israele;
Fa mbe mifehe aman'Añahare t'Iehoda,
naho migahiñe amo noro'eo.
2 Mandrazan-tioke t'i Efraime,
mañeañe tiok'atiñanañe;
ampitoabore'e vande naho joy
lomoñandro,
mbore milahatse amy Asore,
mbore mañondrañe menake amy Mitsraime.
3 Manan-kabò am' Iehodà ka t'IEHOVÀ,
o sata'eo ro hitiliha' Iakobe;
o fitoloña'eo ro hañondroha'e aze.
4 Rinambe'e an-tomi'e an-koviñe ao
i zoke'ey,
le nifanehak' aman' Añahare an-kaozara'e;
5 Eka nigore'e i anjeliy vaho nahatañe*;
nirovetse re naho nitoreova'e;
i nioni'e e Betele† añey,
le ao ty nitsara'e aman-tika.
6 Eka, IEHOVÀ, Andrianañahare' i màroy; IEHOVÀ ty tahina'e.
7 Aa le mimpolia mb'aman'Añahare'o;
tambozoro ty fatarihañe naho ty hatò,
vaho itamao nainai'e t'i Andrianañahare'o.
8 I mpampibalibalikey,
balantsim-pamañahiañe ty am-pità'e ao; tea'e ty mikatramo.
9 Hoe t'i Efraime,
Toe fa mpañaleale raho,
nahatrea vara maro;
tsy eo ty haharendreke tahiñe amako,
ndra hakeo amo fitoloñakoo.
10 Zaho IEHOVÀ Andrianañahare'o
boak' an-tane' i Mitsraime añe;
mbe hampimoneñeko an-kibohotse rehe
manahak' amo andro namantañañeo.
11 Nisaontsieko o mpitokio,
nampitomboeko aroñaroñe,
vaho nandrazañe am-pitàm-pitoky.
12 Aman-tahiñe hao t'i Gilade?
toe hakoahañe,
ie nañenga bania e Gilgale ao;
eka, votrim-bato
am-bavahali' o hatsakeo o kitreli'eo.
13 F'ie nilay mb'an-tete' i Arame‡ añe t'Iakobe,
nitoroñe ho a i tañamjomba'ey,

* 12:5 Fot 32:28 † 12:5 Betele: Anjomban'Añahare ‡ 12:13 Arame: haabo; soa; mpamañahy; fatse

eka nimpiarake ty amy vali’ey.
14 Mpitoky ty nañendesa’ IEHOVÀ t’Israele boake Mitsraime ao,
vaho mpitoky ty nañarovañ’ aze;
nikai-jaka añ’afero t’i Efraime;
aa le hapoke ama’e ty lio’e;
vaho hondrohe’ i Talè’e ama’e ty inje’e.

## 13

1 Ie nisaontsy ama-nevenevetse t’i Efraime
le nonjoneñe e Israele ao,
fe nizoeñe te aman-kakeo
ty amy Baale, vaho nihomake.
2 Ie henanekeo, mitolom-pandilatse avao,
nampitranake saren-draha ami’ty volafoti’ iareoo, ty amo hilala’ iareo, toe samposampon-draha,
fitoloña’ ty kante;
anoa’iareo ty hoe: Angao horofa’
o mpanao soroñeo i bania rey.
3 Aa le hanahake
ty zono maraindray iereo,
naho i mika am-pangoàñ’andro
mihelañey;
hambañe an-kàfo’e asiotsion-talìo boak’an-toe-pifofohañe eo,
vaho hatoeñe boak’an-toñak’ ao.
4 Fa izaho IEHOVÀ Andriananañahare’o
boak’ an-tane’ i Mitsraime añe;
aa le tsy hahafohin-drahare ila’e nahareo naho tsy Zaho;
fa tsy eo ty mpandrombake
naho tsy Zaho avao.
5 Napotako an-dratraratra añe rehe,
an-tane kankañe añe.
6 Ie nifahanañe le niboboke, toe nianjañe, le nikavokavok’ an-troke,
zay ty nandikofa’ iareo ahy.
7 Aa le liona am’ iereo raho henaneo,
hanampohako hoe farasy añ’olon-dalañeo.
8 Hipoke am’iereo raho hoe dòbe mandala
handrimitse ty saron’arofo’ iareo;
vaho habotseko hoe liona;
ho rimiteko hoe biby hako.
9 Ry Israele, mampianto vatan-drehe,
fa amako ty fañoloran’azo.
10 Aia ty mpanjaka’o
handrombak’ azo an-drova’o iaby?
Naho o mpizaka’oo nanoe’o ty hoe :
Añomezo mpanjaka naho roandriañe?
11 Tinoloko mpanjaka rehe ami’ty habosehako;
vaho nasintako ami’ty fifomboko.
12 Mifamahotse ty tahi’ i Efraime,
mihaja ao o hakeo’eo.
13 Hivotrak’ama’e
ty fitsongoan’ ampela;
ie ana-dahy tsy mahilala,

tsy ho nihenekenek’ ambavan-koviñe ao.
14 Ho jebañeko ami’ty haozara’
i Tsikeokeokey hao?
ho vilieko aiñe amy Havilasiy?
O Havilasio, aia o angorosi’oo?
O Tsikeokeokeo,
aia o fandrotsaha’oo?*
Mietak’ amo masokoo ty tretre.
15 Ndra te ie mibodobodo amo vindao,
ho avy ty tiok’atiñanañe;
hivovo boak’ am-patram-bey ao
ty tio’ IEHOVÀ,
le ho maike i rano’e manganahanay,
ho ritse i loha-rano’e nigoangoañey,
ho haofe’e ty an-driha’e ao
hañakatse ze hene vara’e sarotse.

# 14

1 Ho vave’ i Somerone o tahi’eo,
amy t’ie niody aman’Añahare’e;
hampikorovohem-pibara;
ho demoheñe an-damilamy
o anak’ ajaja’ iareoo,
ho boraheñe an-drimitse
o rakemba mivesatseo.
2 Ry Israele, mimpolia mb’am’ IEHOVÀ
Andriananañahare’o;
fa nampihotrake azo o hakeo’oo.
3 Andeso saontsy, le mibaliha mb’am’IEHOVÀ: ano ty hoe:
Fonga afaho o hakeoo, rambeso an-kasoa,
vaho hengae’ay ty banian-tsoñi’ay*.
4 Tsy haharombak’ anay t’i Asore;
izahay tsy hiningitse an-tsoavala,
le tsy hanao ty hoe amo sata-pità’aio:
Ry ndrahare’ay.
Fa ama’o ty hahaoniña’
ty bode-rae fiferenaiñañe.
5 Ho jangañeko ty fidisa-voli’ iareo;
hikokoako an-tsatrin-tro,
fa mitolike ty habosehako.
6 Hanahake ty zono am’ Israele raho;
ie hidorenake hoe antake mandriake,
vaho hirifondrifoñe hoe Libanone.
7 Handrevake o ra’eo,
naho hanahake ty andramahe ty enge’e,
vaho hoe Libanone ty harifondrifo’e.
8 Himpoly iaby o mialok’ ama’eo;
ho toloran’ aiñe manahake i ampembay,
le hiraorao hoe vahe,
vaho handrifondrifoñe
hoe ty hamañiran-divai’ i Libanone.

---

* 13:14 Ko I 15:55 * 14:3 Heb 13:5

9 Le hanao ty hoe t'i Efraime:
Hanoeko inoñe ka o samposampoo?
Fa nitsanoñeko naho nijiloveko,
Manahake ty kile maindoñe ama'o raho,
amako ty aharendreha'o voa.
10 Ee te hahafohiñe o raha zao ty mahihitse,
naho haharendreke o mahilalao.
Amy te vantañe o lala' IEHOVÀO,
ie orihe' o vañoñeo,
fe itsikapia' o miolao.

# Ioèle

[1] Ty tsara' IEHOVÀ niheo am' Ioèle* ana' i Petoele†: [2] Janjiño ry androanavio, toloro ravembia
ry hene mpimone' o taneo,
he t'ie nizoeñe añ'andro' areo,
ndra tañ'andron-droae' areo hao? [3] Atalilio amo ana' areoo,
le ampitalilio o ana' areoo amo ana' iareoo,
vaho o ana' iereoo amo tariratse añeo.
[4] Nabotse' ty kijeja
ze nenga' ty marambolo,
nihane' ty voantane ze nenga i kijeja,
vaho nikapaihe' ty beañe
ze nenga' ty lambotane. [5] Mitsekafa ry jike le miroveta;
mangolololoiha ry mpinon-divaio,
ty amy divai-vao napitsoke
am-palie' areo. [6] Fa nivotrak' an-taneko atoy ty fòko maozatse, mitozantozañe;
hoe nifen-diona o famotsi'eo,
vazan-diona ra'elahy [7] Fa napo'e ho forompotse o vahekoo,
nikorendahe'e ty sakoako;
niholira'e malio naho nahifi'e añe,
le foty iaby o ra'eo. [8] Mangoihoia manahake ty somondrara
misikin-gony ty amy valin-katòra'ey. [9] Fa naitoañe amy anjomba' IEHOVÀy
i enga-mahakamay, naho i engan-dranoy;
mandala o mpisoroñe mitoroñe IEHOVÀo. [10] Finaoke i tetekey, mitañy ty tane;
finongotse i ampembay;
nimaiheñe i divay vaoy,
kapaike i menakey.
[11] Mioremeña ry mpihare,
mangolololoiha ry mpañalahala vahe,
ty amy ampembay naho i tsakoy;
amy te mikirikintàñe i tetekey. [12] Fa maike i vahey,
mongotse i sakoañey;
niforejeje ka i raketay‡, i sasaviy,
i takokoy, naho ze hene hatae
an-kivoke ey;
aa le niheatse amo ana'ondatio
ty hafaleañe.
[13] Midiaña vaho mandalà ry mpisoroñeo;
mangolololoiha ry mpitoron-kitrely;
antao hialeñe an-gony ry mpitoron'
Añahareko;
fa napitsok' amy anjomban'
Añahare' areoy ty enga-mahakama
naho ty enga rano. [14] Añamasiño lilitse,
koiho ty fivory miavake,
atontono o androanavio,

* **1:1** Ioèle: manatry; mandily † **1:1** Petoele: Falien'Añahare; nosihe'e ‡ **1:12** Heb: mimone: ampongabeindañitse

naho ze kila mpimone’ ty tane toy,
mb’ añ’anjomba’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo,
vaho mitoreova am’ IEHOVÀ. 15 Hankàñe ty andro!
fa tondroke ty andro’ IEHOVÀ,
le hoe firotsahañe boak’ amy
El-Sadai ty hivovoa’e. 16 Tsy fa naitoañe aolom-
pihaino’ areo hao ty mahakama?
ty haehake naho ty firebehañe boak’
añ’anjomban’Añaharen-tikañe ao? 17 Nimomok’ am-bokon-tane ao
ty tabiry, nikapaiheñe o rihao,
nikoromake o kiboho-mahakamao;
fonga niheatse i ampembay. 18 Akore ty fañaoloa’ o hareo!
lonjetse o mpirai-tron’añombeo
kanao tsy amam-piandrazañe;
eka, malorè o lia-rain-añondrio. 19 Ry IEHOVÀ, ihe ro itoreovako
fa finorototo’ ty afo o fiandrazañe
am-patrambeio;
vaho nampangotomomohe’ i lel’afoy
ze kila hatae an-kivok’ ao. 20 Ihe ro isehasehà’
o biby am-patrañeo,
fa maike iaby o sakao,
vaho fa hinotomomo’ i afoy
o fiandrazañe an-dratraratrao.

# 2

1 Popòho e Tsione ao ty antsiva,
koiho an-kaboako miavake ey ty hazolava;
ee te hihondrahondra iaby
ondaty an-tane atoio,
fa hitsatoke ty andro’ IEHOVÀ;
toe fa an-titotse; 2 Andro maieñe naho mimoromoroñe,
andro mandrahoñe naho aman-talinjo
mihanake am-bohitsey
manahake t’ie manjirik’andro;
ondaty mifamorohotse naho fàtratse;
mboe lia’e tsy niañ’ohatse;
vaho le lia’e tsy ho limbezañe,
ampara’ ty taon-tariratse maro añe. 3 Mamorototo aolo’e eo ty afo,
vaho mivoly ama’e ty soba miforehetse,
ie hoe golobo’ i Edene* ty aolo’e eo
le liolio, mangoakoake ty amboho’e;
tsy eo ty mahaborifitse ama’e. 4 Manahake o soavalao iereo,
naho o mpiningi-tsoavalao,
zay ty fitsondemboha’ iareo. 5 Manahake ty fitrakotrakon-tsarete mitrantràñe an-dengom-bohitse ey,
hoe ty fikosisiha’ ty lel’afo
mipilotse ahetse,
naho ondaty maozatse miriritse hialy. 6 Mampalorè ondatio te zoeñe;

* 2:3 Edene: Hafalea; Finembanembañe

fonga mikò-foty o laharañeo.
7 Manahake o fanalolahio ty filaisa’ iareo,
anganiha’ iareo o kijolio hoe lahin-defoñe,
songa mandrodo amy lala’ey,
tsy eo ty mivitsok’ am-pidadaña’e. 8 Tsy mifampikititse iereo
fa songa mitrokotroko amy lala’ey;
aa ndra te mipenkañe ty singa
ipaoha’e, ie tsy fere. 9 Herereafe’ ty rova,
mirimatse an-drindriñe,
manganike mb’anjomba ao;
mitsoropoke an-dalan-kede hoe malaso. 10 Manginikinik’ aolo’e eo ty tane,
miozoñozoñe o likerañeo;
mikò-mainte i àndroy naho i volañey,
le asita’ o vasiañeo o fimilemile’eo. 11 Mampipoña-piarañanañañe añatrefa’
o lahindefo’eo t’IEHOVÀ;
amy te ra’elahy o lahindefo’eo,
fatratse o mañorike o tsara’eoo;
toe jabajaba ty andro’ IEHOVÀ
vaho mampangebahebake,
Ia ty mahafifeak’ ama’e? 12 Ie amy zao, hoe t’IEHOVÀ,
itoliho an-kaliforan’arofo,
naho am-pililarañe, am-pirovetañe,
vaho am-pangololoihañe. 13 Mandrovita arofo fa tsy sikiñe,
le mitoliha am’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo,
fa matarike naho miferenaiñe,
malaon-kaviñerañe naho ra’elahy
an-kafatraram-pikokoañe,
vaho teñene’e ty fametsahan-kankàñe. 14 Ia ty mahafohiñe, hera hibalike re
naho hiheve, vaho hamopoke fañanintsiñe am-boho’e eo,
añengao mahakama naho enga-rano
am’IEHOVÀ Andrianañahare’ areo. 15 Popoho e Tsione ao i antsivay,
añamasiño lilitse, koiho ty fivory miavake; 16 Atontono ondatio; hamasiño ty fivory,
arokandrokaño o androanavio,
atolaho o ajajao
rekets’ o milomolomo am-patroao,
ampiakaro an-kivoho’e i mpañengay,
boak’ an-kiboho’e ao i enga-vaoy. 17 Ehe te hiharovetse añivo’ i fizilihañey
naho i kitreliy o mpisoroñe
mpitoro’ IEHOVÀo, hanao ty hoe:
Ferenaiño ondati’oo, ry IEHOVÀ,
le ko atolo’o ho arinjeñeñe
o lova’oo hamokafoka’ o kilakila’ ndatio;
aa vaho akore t’ie hampiboele
am’ondatio ty hoe:
Aia t’i Andrianañahare’ iareo? 18 Nikirañe i tane’ey amy zao
t’IEHOVÀ, vaho ferenaiña’e ondati’eo, 19 Hanoiñe t’IEHOVÀ
hanao ty hoe am’ondati’eo:
Ingo te hampañitrifeko ampemba vao
naho divay vao vaho menake,
haha-anjañe anahareo,

le tsy hanoeko ho fañinjea’
o kilakila’ ondatio ka. [20] Fa hasitako lavitse anahareo
o ‘ntavaratseo,
naho haronjeko mb’an-tane
harake naho bangìñe añe;
hitolike mb’amy riak’ atiñanañey o mpiaolo’eo, naho o am-boli’eo mb’an-driak’ ahandrefañey,
le hionjoñe ty imbo’e
vaho hiambone ty fitrotrora’e,
amy te ra’elahy o nanoe’eo. [21] Ko hemban-drehe ry tane;
mifalea naho mandià taroba;
amy te fanjàka o fitoloña’ IEHOVÀo. [22] Ko matahotse ry bibin-kivokeo;
fa mbe haindoñindoñe
o fiandrazañe am-patrambeio,
mbe hamoa ty voa’e o hatae’eo,
songa hamokatse
ty sakoa naho ty vahe. [23] Mirebeha ry ana’ i Tsioneo,
mifalea am’ IEHOVÀ Andrianañahare’ areo,
fa havantañañe ty mampahavy
i ora-mafaitsey,
toe hampahavia’e orañe,
i aoloy naho i orañ’asotriy
manahake te taolo. [24] Ho lifotse ampemba o rihao,
vaho handopatse divay
naho menake o sajoao. [25] Havahako ama’ areo o taoñe nabotse’
o valalao, naho o maramboloo,
naho o beañeo vaho o voan-taneo,
i mpirai-lian-dahin-defoñe
niraheko ama’ areoy. [26] Ho eneñe mahakama nahareo,
toe ho anjañe, naho ho rengè’ areo
ty tahina’ IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo,
amy hasoa tsitantane nitoloña’ey;
vaho tsy ho salatse ka ondatikoo. [27] Le ho fohi’ areo te añivo’ Israele
ao raho†,
le Izaho, IEHOVÀ Andrianañahare’ areo
ro tsy aman-tovo’e,
vaho tsy ho salatse ka ondatikoo.

# 3

[1] Ie heneke zao, hadoako amy ze atao nofotse ty Troko;
le hitoky o ana-dahio
naho o anak’ampela’ areoo,
naho hañinofy o androanavi’ areoo,
vaho hahaoniñe aroñaroñe
o ajalahi’ areoo; [2] Le hailiko amo mpitoroñeo,
naho amo anak’ ampatañeo
ty Troko amy andro rezay. [3] Hampiboahako raha tsitantane
an-dindiñe ey, naho an-tane atoy,
lio naho afo, vaho hatoeñe mijoala. [4] Hafotetse ho ieñe i àndroy,
naho ho lio i volañey,

† **2:27** Ies 24:23

aolo ty fitotsaha’ i andro’ IEHOVÀ jabajaba
naho mampangebahebakey. [5] Ie amy zay, ho rombaheñe ze mikanjy ty tahina’
IEHOVÀ;
fa hipolititse an-kaboa’ i Tsione ao naho e Ierosalaime ao ty ila’e amy nafè’ IEHOVÀy,
vaho ho kanjie’ IEHOVÀ o sehanga’eo.

# 4

[1] Inao, hampoliko amy andro rezay, naho amy sa zay, ty fandrohiza’ Iehodà naho
Ierosalaime, [2] naho hatontoko boak’ amy ze hene fifeheañe, naho hampizotsoeko
mb’am-bavatane’ Iehosafate* mb’eo, vaho eo ty himoahako an-jaka ty am’ ondatikoo
naho i lovako Israeley, ie nampibaratsaheñe amo kilakila’ ondatio añe naho
nanjarañe i tanekoy. [3] Vinili’ iareo aman-kitsapake ondatikoo, kinalo’ iareo tsimirira
ty ajalahy naho navaro’ iareo ty somondrara ho divay hinoma’ iareo. [4] Inoñ’amako
rehe Tsore naho Tsidone, naho ze hene toe’ i Pilisty? Hañavak’ amako hao? Aa
naho Hañavake le hafoteko aniany naho masìka an-doha’ areo i ondro’ areoy,
[5] amy te tinava’ areo o volafotiko naho volamenakoo, naho nendese’ areo an-
kibohon’drahare’ areo mb’eo o fànako sarotseo, [6] naho naleta’ areo amo nte-Ievanio
o ana’ Iehodào naho o ana’ Ierosalaimeo haneseañe iareo lavitse ty tane’ iareo añe.
[7] Inao fa hampionjoneko boak’ an-tane nandetahañe iareo, vaho havàhako an-doha’
areo o sata’ areoo, [8] fa haletako am-pità’ o ana’ Iehodào o ana-dahi’ areoo naho o
anak’ ampela’ areoo, vaho haleta’ iereo amo nte-Sevào, ondaty tsietoitane añeo, fa
zay ty tsinara’ IEHOVÀ. [9] Tseizo ty hoe o kilakila’ondatio:
Mihentseña hialy;
tsekafo o fanalolahio,
ampañarineo ze hene lahindefoñe;
ampionjono mb’etoa; [10] Tefeo ho fibara o lelan-dasarì’ areoo,
naho ho lefoñe o fibira’ areoo,
ampanò ty hoe o mavozoo:
Maozatse raho; [11] Malisà! mb’etoy
ry kilakila’ ondaty mañohokeo;
ampizotsò o fanalolahi’oo ry IEHOVÀ. [12] Mitrobotroboa ry kilakila ondatio,
mionjona mb’am-bavatane’ Iehosefate,
fa ao ty hitobohako hizaka
o kilakila ondaty miarisehoo. [13] Sonjono ty fitatahañe,
fa matoe i vokatsey,
miziliha, mandialià, fa pea i fipiritañey,
naho mandopatse o sajoao,
fa bey ty haloloa’ iareo. [14] Rehoreho, fikorakorahañe
ty am-bavatanem-panàmpan-kevetse,
fa mitotoke ty andro’ IEHOVÀ
am-bavatanem-panàmpan-kevetse. [15] Hampaieñeñe i àndroy naho i volañey,
vaho hasinta’ o vasiañeo o filoeloea’eo. [16] Le hitroñe boak’e Tsione ao t’IEHOVÀ,
hampipoña-piarañanañañe
boak’e Ierosalaime ao;
le hihondrahondra o likerañeo
naho ty tane toy;
fa fitamà’ ondati’eo t’IEHOVÀ
naho ty fipalira-maoza’ o ana’ Israeleo. [17] Aa le ho fohi’ areo te Zaho IEHOVÀ
Andrianañahare’ areo,

* **4:2** Iehosafate: IEHOVÀ ro Mpizaka

mpimoneñe e Tsione, vohi-masiko,† ao,
aa le hiavake t'Ierosalaime,
vaho tsy hiranga ama'e ka o ambahinio. 18 Ie amy andro zay,
hampitsopatsopake divay vao o vohitseo,
le horikorihen-dronono o haboañeo,
naho hene hikararahan-drano
o saka' Iehodào, le higoangoañe boak' añ'anjomba' IEHOVÀ ao ty rano
hanondrake ty vavatane' i Sitime. 19 Ho babangoañe t'i Mitsraime,
naho ho ratrotratro bangý t'i Edome,
ty amy hasiaha' iareo amo ana'Iehodào,
ie nampiorike lio-màliñe
an-tane' iareo eo. 20 Fa himoneñe nainai'e t'Iehodà;
naho tariratse an-tariratse t'Ierosalaime 21 Le ho lioveko ty lio'iareo mboe tsy nilioveko
fa himoneñe e Tsione ao t'IEHOVÀ.

† **4:17** Ies 12:6, Iek 48:35, Mik 4:7, Tsf 3:14-16

# Amose

1 Ty enta' i Amose*, mpiamo mpiarake e Tekoao†, ty nioni'e am' Israele faha-i Ozià‡
mpanjaka' Iehoda naho faha Iarobame§ ana' Ioase* mpanjaka' Israele, taoñe roe
taolo' i fanginikinihan-taney. 2 Hoe re:
Mitroñe boake Tsione ao t'IEHOVÀ;
naho mipoña-piarañanañañe
hirike Ierosalaime añe;
naho hangoihoy ty fiandraza'
o mpiarakeo,
vaho hiheatse ty andingo' i Karmele†. 3 Hoe ty nafè' IEHOVÀ:
Ty ami'ty fiolàñe telo' i Damesèke‡
naho i fah'efa'ey,
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
ami'ty namofoha' iareo i Gilade§
am-pamofohañe viñe. 4 F'ie hañitrifako afo mb'añ'anjomba'
i Kazaele*
ze hamorototo o anjomba'
i Benhadadeo†. 5 Ho pozaheko ty sikada' i Damesèke,
le haitoako o mpimoneñe
am-bavatane' i Avene‡ eio,
naho i mpitan-kobaiñe añ'anjomba'
i Edene aoy;
vaho hasese an-drohy mb'e Kire§
mb'eo o nte-Arameo,
hoe ty nafè' IEHOVÀ. 6 Hoe ty nafè' IEHOVÀ:
Ty ami'ty fiolàñe telo' i Azà*,
naho i fah'efa'ey,
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
fa nasese' iereo an-drohy ze hene mpimoneñe,
vaho naonjo'iereo mb'e Edome mb'eo, 7 Aa le hañitrifako afo ty kijoli' i Azà,
ze hampangotomomoke o anjomba'eo. 8 Haitoako amy Asdode† o mpimone'eo
naho i mitan-kobaiñe e Askelone aoy
naho hampitoliheko hiatreke
i Ekrone ty tañako;
vaho hihomake ty sehanga' o nte-Pilistio,
hoe t'IEHOVÀ, Talè. 9 Hoe ty nafè' IEHOVÀ:
Ty ami'ty fiolàñe telo' i Tsore,
naho i fah'efa'ey,
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
amy te fonga nasese' iareo mb' Edome
o an-drohio, vaho tsy

---

* **1:1** Amose: Mavesatse; Mijiny † **1:1** Tekoa: Antsiva; nañatoañe ‡ **1:1** Ozià: ty haozara' IEHOVÀ; ndra vi'e § **1:1** Iarobame: mpiatreatre am'ondaty * **1:1** Ioase: monjetse ndra miforehetse † **1:2** Karmele: añondrivosy; fitatahañe; rifo ‡ **1:3** Damesèke: gony pea lio; hoe miforehetse § **1:3** Gilade: ty venten-talily * **1:4** Kazaele: i mahaoniñe an'Andrianañahare † **1:4** Benhadade: Ana' i Hadade: korake; ‡ **1:5** Avene: hakeo; ozatse; vara; hasotriañe § **1:5** Kire: rova, kijoly; fivory * **1:6** Azà: Maozatse; Ose-lahy † **1:8** Asdode: vore: ina; hàlatse

nitiahi’ iareo i fañinam-piroahalahiy; 10 Aa le hañitrifako afo ty kijoli’ i Tsore,
ze hampibotseke o anjomba’eo. 11 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Ty ami’ty fiolàñe telo’ i Edome,
naho i fah’efa’ey,
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
amy te hinorida’e am-pibara
i rahalahi’ey naho nifoneña’e tsy hitretre;
le nainai’e nandriatse i fifomboa’ey
vaho nitolom-piloroloro avao. 12 Aa le hañirahako afo t’i Temane‡,
hamorototo o anjomba’ i Botsrào§. 13 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Ty ami’ty fiolàñe telo’ i Amone,
naho i fah’efa’ey
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
amy te nirimite’ iareo o rakemba’
i Gilade nivesatseo,
hampientareñe ty efe-tane’ iareo. 14 Aa le hamiañako afo ty kijoli’ i Rabà*
hampangotomomoheñe o anjomba’eo,
hitraofa’e fikoiakoiahañe
amy andron-kotakotakey,
naho tio-bey añ’andro’ i tangololahiy; 15 le hisese mb’am-pandrohizañe añe
i mpanjaka’ey, ie naho o roandria’eo,
hoe t’IEHOVÀ.

# 2

1 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Ty ami’ty fiolàñe telo’ i Moabe*,
naho i fahefa’ey
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
amy te niforototoe’e ho sokay
ty taola’ i mpanjaka’ i Edomey; 2 aa le hañitrifako afo t’i Moabe,
ze hampangotomomoke o anjomba’
i Kerioteo†; le hikoromak’ ami’ty
fivalitsikotahañe t’i Moabe,
reketse fikoiakoiahañe
naho ty fipopò’ i antsivay; 3 vaho haitoako añivo’e ao i mpizakay,
le fonga hatraoko fizamanañe
o roandria’eo, hoe t’IEHOVÀ. 4 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Ty ami’ty fiolàñe telo’ Iehoda,
naho i fahèfa’ey
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,
amy te tsinambolitio’ iareo
o Tsara’ IEHOVÀo
naho tsy nambena’ iareo o fañè’eo, vaho nampandilatse iareo ty fandañira’ iareo
ie nañaveloan-droae’ iareoo. 5 fe hamotraheko afo t’Iehoda,
hamorototo o anjomba’ Ierosalaimeo. 6 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ:
Ty ami’ty fiolàñe telo’ Israele,
naho i fah’efa’ey
le tsy hapoko ty fandilovañe aze,

‡ **1:12** Tamane: i Atimoy; Afrika; fonitse § **1:12** Botrà: hasotriañe, famorekekeañe * **1:14** Rabà: jabajaba; manandily; tea aly * **2:1** Moabe: an-drae’e † **2:2** Keriote: o rovao; o fikoihañeo

amy te naleta’ iareo
ho volafoty o vantañeo,
naho ho hana o rarakeo; 7 Dorodemohe’ iereo ami’ty debo’ ty tane toy ty añambone’ o rarakeo,
naho mañolake ty lala’ o mpirekeo;
ao ka t’indaty naho ty rae’e
songa miolotse ami’ty somondrara raike, haniva ty añarako masiñe. 8 Ie màndre añ’ila’ o kitrelio
an-tsikiñe tsinoake,
vaho minoñe ty divai’ o nandilovañeo an-kibohon-drahare’ iareo ao. 9 F’izaho ty nanjamañe o nte Amoreo aolo’ iareo eo,
ie nira ami’ty haabon-tsivokon-tsifake;
nanahake o vaovio ty haozara’e;
fa rinotsako o voa’e amboneo,
naho o vaha’e ambaneo. 10 Ie nakareko an-tane Mitsraime ao ka,
naho niaoloako efa-polo taoñe
am-pirangañe i fatrambeiy,
soa te hanaña’ areo ty tane’ o nte Amoreo. 11 Mbore nibeizeko ho mpitoky
ty ila’ o ana’ areoo,
naho ho nte Nazire‡ ty ila’e,
tsy to hao zay, ry ana’ Israeleo?
hoe t’Iehovà. 12 Fa nazi’ areo o nte Nazireo
ty hinoñe divay,
vaho linili’o o mpitokio ami’ty hoe:
Ko mitoky. 13 Inao t’ie ho tindrieko ambane
manahake ty fanindrian-tsarete
pea ampemba. 14 Hilesa ty fivoratsaha’ o malisao,
naho tsy hitoloñe ty haozara’ o fatratseo
vaho tsy haharomba-piaiñe ty fanalolahy, 15 mbore tsy hahafijohañe ty mpitàm-pale;
naho tsy hahafioratse
ty mahafilay am-pandia,
naho tsy haharombak’aiñe
ty mpiningi-tsoavala; 16 vaho hitriban-day tsy an-tsaroñe
ty lahi-tsi-ai’ o fanalolahio,
hoe t’Iehovà.

# 3

1 Mijanjiña ty nitsarà’ Iehovà
ry ana’ Israeleo,
ry hene foko nakareko
an-tane’ i Mitsraimeo, ami’ty hoe: 2 Inahareo avao ty napotako amo kila
foko ty tane toio;
aa le fonga havaleko ama’ areo
o hakeo’ areoo. 3 Mahay miharo lia hao ty roe
naho tsy milahatse hey? 4 Hitroñe añ’ala ao hao ty liona
naho tsy aman-tsàtsa’e?
Hañaolo boak’ an-dakato’e ao hao
ty liona tora’e naho tsy nahatsepake? 5 Mete hikoropok’ am-pandri-bo
an-tane eo hao ty voroñe,

‡ **2:11** Nazire: Jinoboñe ndra naambake

naho tsy ama'e ty fitake?
Hidraitse an-tane eo hao i bitsokey,
ie tsy aman-ko tsepaheñe? [6] Naho tiofeñe an-drova ao i antsivay,
tsy hangebahebake hao ondatio?
Ie hizò hankàñe ty rova,
tsy ho sata' IEHOVÀ hao? [7] Toe tsy hanao ndra inoñ'inoñe
t'IEHOVÀ, Talè, naho tsy borahe'e
amo mpitoro'e mpitokio heike
o safiri'e mietakeo. [8] Fa nitroñe i lionay,
ia ty tsy ho hembañe?
Fa nitsara t'IEHOVÀ, Talè,
ia ty tsy hitoky? [9] Tseizo amo anjomba' i Asdodeo
naho amo anjomba an-tane'
Mitsraime añeo ty hoe:
mitontona am-bohi' i Somerone eo,
naho mahaisaha ty fifandraparapahañe añivo'e ao vaho o forekekeñe ama'e aoo.
[10] Fa tsy fohi' iareo ty hanao ty hiti'e,
hoe t'IEHOVÀ,
ie mañaja fikatramoañe, naho fampikamerañe añ'anjomba' iareo ao. [11] Aa hoe
t'IEHOVÀ, Talè:
Hiarikatohe' ty rafelahy i taney
naho harotsa'e o hafatrara'oo,
vaho ho kopahe'e o anjomba'oo. [12] Hoe t'i IEHOVÀ:
Manahake ty añakara' ty mpiarake
ami'ty montsilin-diona
ty tombo'e roe ndra ty silan-tsofi'e,
ty haneseañe o ana' Israele
mimoneñe e Someroneo,
reketse ty indran-tihy
ndra ty tombom-pandreañe. [13] Mijanjiña, le asisio ty anjomba' Iakobe,
hoe t'IEHOVÀ, Talè Andrianañahare' i màroy;
[14] fa amy andro hañondrohako
o fiolà' Israeleoy,
le ho valeako o kitreli' i Beteleo*,
naho ho kitsifañe i tsifan-kitrely rey
vaho hipok' an-tane eo. [15] Hatraoko lafa i anjomban'asaray
naho i anjomban'asotriy,
hikoromake ka o anjomba aman-tsifao;
toe hirotsake o anjomba jabajabao,
hoe t'IEHOVÀ.

# 4

[1] Janjiño o tsara zao ry añombe' i Basane*
ambohi' i Sameroneo,
ie forekeke' areo o rarakeo,
naho pirite' areo o poi'eo,
vaho manao amo roandriañeo ty hoe:
Añendeso hinoman-tika. [2] Fa nifanta ty amy hamasiña'ey
t'IEHOVÀ, Talè:

* **3:14** Betele: Anjomba mandrifondrifoñe * **4:1** Basane: aman-tsifa (nife jabajaba foty)

Toe ho tsatok' ama' areo ty andro
t'ie hasese mb'eo am-porengotse,
ty sehanga' areo am-bintañe. 3 Hipororoak' amo heba'eo nahareo
songa rakemba hifanoitoy mb'eo,
vaho hahifike mb'e Karmone† añe
hoe t'IEHOVÀ. 4 Mb'e Betele mb'atoy, le mandilara
mb'e Gilgale‡ le ampitombò hakeo;
banabanao o enga' areoo te maraindray,
ty faha-folo'e añ'andro fahatelo'e; 5 naho añengao sorom-pandrengeañe
milaro lalivay§,
le tseizo o banabanan-tsatrin-trokeo,
vaho isengeo,
fa zay ty tea' areo, ry ana'Israeleo,
hoe t'IEHOVÀ, Talè. 6 Fa nitolorako nife malio
amo rova' areo iabio,
naho tsy fahampeañe mofo
añ'anjomba' areo,
fe tsy nimpoly amako nahareo,
hoe t'IEHOVÀ. 7 Nampihakañeko ama' areo ty orañe,
te mbe volañe telo añe i fitatahañey,
le nampahaviako orañe ty rova raike
fa tsy nampahaviako ka ty rova raike;
toetse raike ty nahazo orañe,
niforejeje ka i tsy nahavia'ey. 8 Aa le nitoha rano hinoma'e mb' an-drova raike añe
ty rova telo ndra roe,
fa tsy nahaeneñe,
mboe tsy nimpoly amako avao
nahareo, hoe t'IEHOVÀ. 9 F'ie linafako an-tio-maike
naho an-tromambo;
le nabotse' ty kijeja
ty hamaroa' o golobo' areoo,
naho o tanem-bahe' areoo,
vaho o voanio' areoo;
fe tsy nimpoly amako, hoe t'IEHOVÀ. 10 Nahitriko ama' areo ty angorosy
manahake o tan-tane Mitsraime añeo,
zinamako am-pibara o ajalahi' areoo,
naho tinavako o soavala' areoo,
nampionjoneko mb'am-piantsona' areo ao ty fitrotròra'e;
fe tsy nimpoly amako, hoe t'IEHOVÀ. 11 Finongoko ty ila'e ama' areo
manahake ty namongoran'Añahare
i Sedome* naho i Amorà†,
ie nihoe foroha mirekake tsinoake
amy afoy ao;
fe mboe tsy nimpoly amako
hoe t'IEHOVÀ. 12 Toly ndra inao ty hanoeko ama'o
ry Israele;
kanao tsy mete tsy hanoeko,
le mihentseña hifañaoñe
aman' Añahare'o ry Israele. 13 Inao, i mpitsene o vohitseo

---

† 4:3 Karome: anjomba ‡ 4:4 Gilgale: larô; mivarimbariñe; votry § 4:5 Oniño: Sor 2.11 * 4:11 Sedome: ty tsikotsiko' iareo; † 4:11 Amorà: ondaty miola

naho mpamboatse o tiokeoy,
I mampiborake o vetsevetse'eo am'ondatioy.
I mampiboake ty manjirik'andro
ami'ty fimoromoroñe,
I midraidraitse amo toets'ambone'
ty tane toioy;
IEHOVÀ Andrianañahare' i màroy
ty tahina'e.

# 5

1 Janjiño o entañe honjoneko
ho bekom-pandalàñe ama' areoo,
ry anjomba' Israele: 2 Nihotrake ty somondrara' Israele;
tsy hahafitroatse ka:
mifitak' an-tane'e eo avao,
tsy eo ty mahaongak' aze. 3 Fa hoe ty nafè' IEHOVÀ, Talè:
Ty rova nampionjoñe ty arivo
ro hengañe zato;
naho ty nampionjoñe zato
ro sisàñe folo,
amy anjomba' Israeley. 4 F'ie hoe ty nafè' IEHOVÀ
amy anjomba' Israeley:
Paiavo raho, soa t'ie ho veloñe; 5 Fa ko mipay i Betele,
naho ko mb'e Gilgale mb'eo,
vaho ko mitsake mb'e Beersèba*
amy te hasese mb'an-drohy
añe t'i Gilgale,
naho ho tanan-taolo t'i Betele. 6 Tsoeho t'IEHOVÀ, soa te ho veloñe;
tsy mone hisolebora'e hoe afo,
ry anjomba' Iosefe,
hamorototo i Betele,
ie tsy ama'e ty hahafikipek'aze. 7 O ry mamotetse ty zaka ho vahontsoy,
vaho mametsake ty havantañañe an-tane, 8 Miandrà mb'amy Namboatse
i vasiam-pito rey
naho i Telo-miriritseiy;
mb'amy mamalike ty fimoromoroñan-kavilasy ho maraiñey,
mb'amy mampaièñe ty andro ho haleñey;
mb'amy mpikanjy o ranon-driakeo
hañiliña'e an-tarehe' ty tane toiy:
IEHOVÀ ty tahina'e. 9 Ampibiloe'e amo maozatseo
ty fandrotsahañe,
vaho miambotrak' amy rova
fatratsey ty fandrebahañe. 10 Heje' iereo ty mpañendak' an-dalambey eo,
vaho falai' iareo
ty misaontsy an-kavañonañe. 11 Aa kanao lialià' areo o rarakeo, naho
angala' areo fehen-ampemba,
naho andranjia' areo traño
am-bato vinaky,
toe tsy himoneña'areo;
nambolèa' areo tanem-bahe soa,

* 5:5 Beerseba: vovom-pañina; vovo faha-fito

f'ie tsy hinoman-divay.
12 Toe apotako te maro o fandilara' areoo naho jabajaba o ota-fali' areo;
helofa' areo o vantañeoo,
naho mangala-vokàñe,
vaho ampiotahe' areo an-dalambey eo
o rarakeo.
13 Aa le hianjiñe avao o mahilalao
amy andro zay amy te
ho hekoheko i sa zay.
14 Paiao ty soa, fa tsy ty raty,
soa te ho veloñe;
vaho hañimba anahareo
t'IEHOVÀ Andrianañahare' i màroy,
ty amy saontsi' areoy. 15 Hejeo ty raty naho kokò ty soa,
vaho añorizo zaka to an-dalambey eo;
hera hanolots'arofo
amo sehanga' Iosefeo
t'IEHOVÀ Andrianañahare.
16 Aa le hoe t'IEHOVÀ, Talè
Andrianañahare' i màroy:
Fangololoihañe ty ho amo lalan-drovao,
vaho ho koiheñe an-damoke ey
ty hoe, Hankàñe! hankàñe!
le hikoke o mpihareo, handala,
naho o mahay mikoiakeo, hangoihoy.
17 Le firovetañe ty ho amo
tanem-bahe iabio,
amy te hiranga añivo'o ao raho,
hoe t'IEHOVÀ.
18 Hankàñe ama' areo misalala
ty andro' IEHOVÀ!
Ho inoñ' ama' areo ty andro' IEHOVÀ?
Ho fimoromoroñañe fa tsy hazavàñe.
19 Manahake t'indaty
mibotatsak' ami'ty liona
te mone mizò amboa romotse;
ndra mizilik' añ'anjomba ao
naho miato an-drindriñe eo ty fità'e
vaho tsipohe' ty fandrefeala.
20 Tsy haieñe hao ty andro' IEHOVÀ
fa tsy hazavàñe?
Toe ho fimoromoroñañe fa
tsy ho aman-kazavàñe ndra piti'e.
21 Hejeko, toe mampangorý ahy
o sabadida' areo miavakeo,
tsy noko o fivorim-pamantaña' areoo†.
22 Aa ndra t'ie mañenga soron-koroañe
rekets' enga-mahakama amako,
tsy ho noko;
vaho tsy ho haoñeko
o engam-pilongoa' areoo

---

† **5:21** Mp I 12:32-33

naho o vinondra’ areoo.
23 Asitaho amako ty fikoraha’ o saboo;
le tsy ho tsanoñeko ty feo fititiha’ areo.
24 Te mone ampikarararaho hoe rano ty hatò,
naho hoe torahañe tsy-mai-drano
ty havantañañe.
25 Aa vaho nisoroñe naho nañenga-mahakama amako an-dratraratra añe hao
nahareo tamy efa-polo taoñe zay, ry Anjomba’ Israele? 26 Toe nibabè’ areo ty
kibohom-panjàka’ areo, naho o samposampo’ areoo, i vasian-drahare‡ nitsenè’
areoy. 27 Aa le haseseko an-drohy mb’ankalo’ i Damesèk’ añe, hoe t’IEHOVÀ. I
Andriananañahare’ i màroy ty tahina’ey.

# 6

1 Hankàñe ry mierañerañe e Tsione ao, naho o mipalitse ami’ty vohi’ i Someroneo,
o roandriam-pifeheañe valoha’e
iatoa’ ty anjomba’ Israeleo!
2 Mionjona mb’e Kalnè mb’eo le isao,
akia henane zay mb’e Kamate jabajabay;
vaho mizotsoa mb’e Gate
nte-Pilistiy mb’eo.
Ho soa te amy fifeheañe retiañe hao iereo?
mandikoatse ty efe-tane’ areo
hao ty a iareo?
3 Ry mampihànkañe i andron-kankàñey
vaho mampitotoke
i fiambesan-karotsahañey;
4 o mitsalalampatse am-pandreañe nihamineñe hafotia-nife
naho mihitsy an-kidori’ iareo,
vaho mikama anak’añondry
boak’ amy lia-raikey
naho sarake boak’ añivon-jolokeo;
5 o mititike marovany arahem-peo
vaho mamoroñe raham-pititihañe,
manahake i Davideo;
6 o minon-divay an-tsini-hara
naho mihosotse menake soao,
fe tsy iroveta’e ty hasotria’ Iosefe.
7 ie amy zao, hasese mb’an-drohy mb’eo ho mpiaolom-pirohy,
vaho hafahañe añe ty sabadida’
o mpihity an-telo-antarao.
8 Fa nifanta amam-bata’e t’IEHOVÀ, Talè;
le hoe t’IEHOVÀ Andriananañahare’ i màroy,
Hejeko ty fiebotsebora’ Iakobe,
naho mampangorý ahy o anjomba’eo:
aa le hatoloko añe
i rovay rekets’ o ama’e iabio.
9 Ie henane zay, naho lahilahy folo ty sisa añ’anjomba raike, fonga hihomake.
10 Ho rambese’ i rahalahin-drae’e kiraikiraike iereo hañakara’e añ’anjomba’e ao
hañoroa’e, le ty hoe ty hanoe’e amy añ’anjomba aoy, Mbe ama’e hao rehe? le ty

‡ **5:26** Ies 59:15, Ti II 4:4

hoe ty hatoi’ ty ao, Aiy! vaho hoe ka i raikey. Mianjiña, fa tsy volañeñe ty tahina’ IEHOVÀ.
11 Inao fa handily t’IEHOVÀ
te ho tseratseraheñe o anjombao
vaho ho hotohotoeñe o kibohotseo.
12 Hilay ambatovato hao o soavalao?
hitari-dasarý eo reketse katràka
hao t’indaty?
Mañino te nafote’ areo ho voreke
ty havañonañe,
vaho ho vahon-tsoy
ty vokan-kavantañañe?
13 Ry mpirebek’ amo raha tsy vente’eo,
manao ty hoe:
Tsy ty haozara’ay avao hao
ty nahavontititse tsifa?
14 Inao arè, ry anjomba’ Israeleo
te hatroako haname anahareo
ty fifeheañe,
hoe t’IEHOVÀ Andriananañahare’ i màroy,
le ho silofe’ iereo
boak’ am-piziliha’ i Kamate eo
pak’ an-tsaka’ Arabà añe.

# 7

1 Zao ty natoro’ IEHOVÀ, Talè, ahy, Ingo, namboare’e fifamorohotam-balala te
nitovoañe i ampemba afaray, le hehe t’ie nandimbe ty fitataha’ i mpanjakay i tinogy
an-doha-taoñey. 2 Aa naho hene nabotse’ iareo ze ahetse amy taney eo, le hoe ty
asako tama’e,
Ry IEHOVÀ, Talè, ehe apoho;
akore ty hahafijohaña’ Iakobe?
Ie kede.
3 Aa le napo’ IEHOVÀ;
Tsy hanoeñe zay, hoe t’IEHOVÀ.
4 Ie añe le inao ka ty naboa’ IEHOVÀ, Talè: Heheke te kinanji’ IEHOVÀ,
Talè ty zaka añ’afo;
finorototo’e i laleke beiy
vaho namototse nampigodrañe i taney.
5 Aa le hoe raho, Ry IEHOVÀ, Talè, Aziro! iambaneako;
aia ty hijohaña’ Iakobe, ie kede?
6 Aa le nado’ IEHOVÀ:
Tsy hanoeñe ka zay, hoe t’IEHOVÀ, Talè.
7 Zao ka ty natoro’e ahy, ingo te nijohañe ambone kijoly nanoeñe an-tàlin-kahity
eo t’i Talè, reketse ty talin-kahity am-pità’e ao. 8 Le hoe t’IEHOVÀ amako, O Amose,
ino o isa’oo? Le hoe raho, Talin-kahity. Aa hoe t’i Talè;
Hehe, hapoko añivo’ ondatiko
Israeleo ty talin-kahitiko;
tsy hiheveako ka.
9 Ho koake o toets’ abo’ Ietsakeo,
naho hanoeñe bijon-draha
o toe’ Israele miambakeo;
vaho hitroatse amy anjomba’ Ieroboame raho reketse fibara.

10 Nampañitrik' am' Ieroboame mpanjaka' Israele t'i Amatsià mpisoro' i Betele,
nanao ty hoe, Nikinia azo t'i Amose añ' anjomba' Israele ao; tsy leo' o taneo ze fonga
saontsi'e. 11 Fa hoe ty asa' i Amose,
Inao, hampihomahem-pibara
t'Ieroboame,
vaho tsy mete tsy hasese
mb'am-pandrohizañ' añe
boak' an-tane'e ao t'Israele.
12 Aa le hoe t'i Amatsià amy Amose, Ry mpioniñeo, akia, mitribaña an-day mb'an-
tane' Iehoda mb'eo, le kamao añe o mahakama'oo, vaho añe ty itokia'o, 13 fa ko
mitoky ka e Betele ao, amy t'ie ty toe-masi' i mpanjakay vaho rova-bei' ty fifeheañe
toy.
14 Aa le hoe ty natoi' i Amose amy Amatsià, Izaho tsy mpitoky, tsy anam-pitoky,
fa mpihare naho mpañalahala sakoa; 15 vaho rinambe' IEHOVÀ ami'ty fañarahañe i
lia-raikey, le hoe t'IEHOVÀ amako, Akia, mitokia am' ondatiko Israeleo. 16 Janjiño arè
ty tsara' IEHOVÀ: Hoe ty asa'o:
Ko mitoky am' Israele vaho
ko mampipoke saontsy
amy anjomba' Ietsakey.
17 Aa le hoe ty nitsarà' IEHOVÀ;
Ho tsimirira an-drova ao ty vali'o,
naho hampikorovohem-pibara
o ana-dahi'oo naho
o anak-ampela'oo,
naho ho zarazaraeñe ty tane'o;
naho hikoromak' an-tane tiva eo rehe;
toe hasese mb'am-pandrohizañ' añe
boak'an-tane'e ao t'Israele.

# 8

1 Zao ty natoron' Añahare Talè ahy; Ingo ty vakoa pea havokaran' asara. 2 Le hoe
re, O Amose, ino o isa'oo? Le hoe raho, Ty vakoam-boan'asara. Vaho hoe t'IEHOVÀ
amako,
Fa tondrok' am'ondatiko Israeleo
ty figadoña'e; ie tsy hapoko ka.
3 Ie amy andro zay handimbe o sabo añ'anjombao ty bekom-pandala,
hoe t'IEHOVÀ, Talè:
ho pea lolo atoy naho aroa i taney;
le havokovoko
am-pianjiñañe añe iereo.
4 Mahajanjiña ry mpigedrañe o rarakeo,
ry mpañito o poi'e amy taneio,
5 ie manao ty hoe, naho añe i pea-bolañey
le haletan-tika i ampembay;
naho modo i andro Sabotsey
le ho sokafen-tika o an-drihao,
ho tomoreñe ty kapoake,
naho honjoneñe i dralay,
vaho hampivilañeñe
am-pañahy o balantsio.
6 Ho kaloen-tika drala o rarakeo
naho hana roe o poi'eo,

vaho haletan-tika reke-kafo’e i ampembay.
7 Fe nifanta ami’ty volonahe’ Iakobe t’IEHOVÀ,
Le lia’e tsy haliñoko o sata’ iareoo.
8 Tsy hampiozoñozoñe i taney hao zay:
hampandala o hene mpimoneñeo?
hanganahana manahake i Sakay, hivalitaboake vaho hiketrake indraike
manahake i saka’ i Mitsraimey.
9 Ho tondrok’ amy andro zay,
hoe t’IEHOVÀ, Talè, te, hampitsoforeko
an-tsipinde-mena i àndroy,
vaho ho lombofako ieñe ty tane toy
añ’andro mazava;
10 naho hafoteko ho fandalàñe
o sabadida’ areoo
naho ho firovetañe o sabo’ areoo;
fonga hampisikineko gony ze tohake, naho ho peaheko ze hene añambone;
le hampangololoiheko
hoe t’ie ni-tañoloñoloñañe,
vaho hafaitse ty androm-pigadoña’e.
11 Ingo, ho tondroke ty andro,
hoe t’IEHOVÀ, Talè,
te hiraheko an-tane atoy ty san-kerè,
fa tsy ty hasaliko-mahakama,
naho tsy ty hataliñieren-drano,
fa ty fijanjiñañe o tsara’ IEHOVÀo;
12 hirererere boak’ an-driake pak’
an-driak’ añe ondatio,
naho boak’ avaratse vaho hianiñanañe,
hibelobelo mb’etia mb’eroa
hipay ty tsara’ IEHOVÀ fa tsy ho isa’e*.
13 Ho toirañen-keahea
o somondrara maintelèñeo
naho o ajalahio.
14 Le o mifanta amy hakeo’ i Someroneio ami’ty hoe:
Kanao veloñe ty ‘ndrahare’ i Dane;
naho, Katao veloñe ty sata’ i Beèrsèbae;
le hikorovoke, tsy hitroatse ka.

# 9

1 Nitreako nijohañe añ’ila’ i kitreliy
t’i Talè, le hoe re: Vangò o tokona’eo,
hiezeñezeña’ o tsotsò’eo,
hampidemodemohañe o loha’eo;
vaho ho zamaneko am-pibara ty sisa’e;
tsy ho aman-tsehanga’e hioratse;
tsy hipoliotse ty honka’e. 2 Ndra t’ie mihaly mb’an-Tsikeokeok’ ao, le hakare’ ty
tañako,
ndra t’ie manganike mb’an-dindi-mb’eo, hampizotsoeko. 3 Ndra t’ie mietak’ an-
kaboa’ i Karmele ao,
ho kodebèko le hakareko boak’ao;
ndra t’ie mikafitse am-pahaisahako ambane’ i riakey ao,

* **8:12** Iir 5:13, Hos 8:12, Iek 34:3-10

le ho tokaveko boak' ao i fañaneñey
handrimita'e. 4 Aa ndra te misese mb'an-drohy aolo'
o rafelahi'eo mb'eo iereo,
boak' añe ty hitokavako i fibaray
hanjamañe;
hentea' o masokoo ho an-kankàñe,
fa tsy ho ami'ty hasoa. 5 Ie mipaoke i taney t'IEHOVÀ, Talè' i màroy,
hitranaha'e, le miharovetse
iaby o mpimoneñeo;
ie hionjoñe manahake ty fisorotombahañe,
naho hizetse manahake
i Saka' i Mitsraimeiy. 6 I mpandranjy o fanonga'e andikerañeo,
naho nañoreñe i tafo'e bontoly
ambone' ty tane toy;
I mikanjy o ranon-driakeo
vaho adoandoa'e an-tarehe' ty tane toiy;
IEHOVÀ ty tahina'e. 7 O ry ana'Israeleo, tsy ho hambañe amo tiri' i Kosio amako hao nahareo? hoe t'IEHOVÀ.
Tsy Zaho hao ty nañakatse Israele
an-tane' i Mitsraime ao?
Naho o nte-Pilistio boake Kaftore
naho o nte-Arameo boake Kire? 8 Inao! miatreatre o fifeheañe lifotse hakeoo o fihaino' IEHOVÀ, Talèo,
vaho harotsako an-tarehe' ty tane toy*,
fa tsy ho fonga mongoreko
ty anjomba' Iakobe, hoe t'IEHOVÀ. 9 Inao te mandily raho,
vaho ho tsararaheko amo kilakila' ondatio
ty anjomba' Israele
manahake ty fitsararahañe tsako an-tsikelo,
fa leo voa'e raike tsy hipok' an-tane. 10 Songa havetram-pibara
o mpanan-tahiñe am'ondatikoo,
o manao ty hoe: Tsy hitotofa'e, tsy hifanalaka ama'ay ty hankàñe. 11 Haonjoko amy andro zay ty kiboho'
i Davide nikoromakey
naho hakatoko o vinàkio;
naho hatroako o nihotrakeo,
vaho hamboareko manahake
tañ'andro taolo; 12 Le ho fanaña' iareo ty sehanga' i Dame†
naho o kilakila' ondaty kanjieñe
ami'ty añarakoo,
hoe t'IEHOVÀ mpanao zay. 13 Inao, ho tondroke ty andro,
hoe t'IEHOVÀ,
te ho losore' ty mpitrabake ty mpanatake
naho ty mpandia valoboke
ty mpitongy tabiry;
le hamopoke divay mamy o vohitseo,
hikararake boak'an-kaboañeo. 14 Le hafoteko ty fandrohiza'
ondatiko Israeleo,
naho haore' iereo o tanàn-taoloo,
himoneña' iareo;
naho hambole tanem-baloboke,

* 9:8 Ies 34:2, Iir 30:11, 46:28, Dan 2:44, Tsf 3:8, Kag 2:22, Lke 4:5-6 † 9:12 Fof 15:17

naho hinoñe divay ama'e,
naho hañalahala golobon-traka,
vaho ho kamae' iareo o voka'eo. 15 Ie hamboleko an-tane' iareo eo,
vaho tsy hombotañe amy tane'
natoloko iareoy ka,
hoe t'IEHOVÀ Andrianañahare.

# Obadià

1 Ty aroñaro' i Obadià*:
Hoe ty nafè' Iehovà, Talè amy Edome:
Nahajanjiñe entañe boak' amy
Iehovà zahay,
le fa nampihitrifeñe amo kilakila'
ondatio ty sorotà, nanao ty hoe:
Miongaha, antao hitroatse hihotakotake. 2 Inao te hafotsako ho kede
amo fifeheañeo rehe;
ho vata'e mavoeñe. 3 Fa namañahy azo ty firengevohan'arofo'o,
ihe mpimoneñe an-tseratseram-bato ao;
an-kaboañe ey ty fimoneña'o
ihe mitsakore ty hoe añ'arofo ao:
Ia ty hanjotso ahy mb'an-tane mb'eo? 4 Aa ndra t'ie mizonjoñe mb'añ'abo ey
hirae'o am-bantio,
naho ajado'o amo vasiañeo eñe ty akiba'o,
mbe hazotsoko boak' ey, hoe t'Iehovà. 5 Ie nivotraha' ty mpampikametse,
naho ty malaso an-kaleñe
— akore ty fandrotsahañe anahareo—
tsy ho nampikametse am-para'
t'ie nietsake hao?
Aa naho nivotrak' ama'o
ty mpanontoñe valoboke,
tsy ho nenga'e hao ty ho tsindroheñe? 6 Akore ty fivolosañe i Esave,
ty fikodebeañe o vara nakafi'eo. 7 Fa nanese azo pak' añ'efe-tane eo
o mpirimboñ' ama'oo;
nifañahie' o nifampilongo ama'oo
vaho nahagioke;
fa nampipoke fandrik' ambane'o ao
o mpitrao-pikama ama'oo;
(tsy ama'e ty hilala!) 8 Ie amy andro zay, hoe t'Iehovà,
tsy ho mongoreko Edome ao hao
o mahihitseo
naho am-bohi' Esave ty faharendrehañe? 9 Hiroreke o fanalolahi'oo ry Temane,
amy te ho fonga haitoañe am-pizamanañe
am-bohi' i Esave eo ondatio. 10 Hañoloñe azo ty fisalarañe
ty amy nampisoaña'o
an-drahalahi'o Iakobey,
vaho haitoañe zafe-zanake rehe. 11 Ihe nijagarodoñe eo amy andro zay,
amy andro nendese' o ambahinio
mb'eo o vara'eoy
naho nizilike an-dalambei'e mb'eo o alik'ama'oo,
vaho nanoe' iereo tsatopiso t'Ierosalaime
—ihe nimpiama' iareo. 12 Ho nisoa t'ie tsy nisamba an-drahalahi'o amy andron-kekoheko'ey,
tsy ho nirebeke amy andro
naha-rotsake o ana' Iehodaoy;

* 1:1 Obadià: Mpitoro' Iehovà

mbore tsy nimete ty nisaontsie'o añ'ebotsebotse amy andron-kankàñey. 13 Tsy nimete
ty nimoaha'o an-dalambei' ondatikoo amy andron-kekoheko' iareoy;
Eka, tsy ho nisambà'o ty fisotria'e amy andron-kankà' iareoy,
ndra nampipao-pitàñe amo fanaña' iareoo amy andro nitarañen-doza' iareoy. 14 Tsy
nimete ty nijohaña'o am-pitsileañe eo
hamonoa'o ze nipoliotse mb'eo;
naho tsy ho nasese'o o sehanga'eo
amy andron-kasotriañey. 15 Fa mitotok' amo kilakila' ondatio
ty andro' IEHOVÀ:
hambañe amo sata'oo ty hanoeñe ama'o.
habalik' añ'ambone'o eo o fitoloña'oo 16 Fa manahake ty ninoma' areo
amy vohiko miavakey,
ty hinoma' o ambahinio nainai'e;
ie hinoñe naho higenoke,
vaho hanahake te mbe lia'e tsy teo. 17 F'ie ambohi' i Tsione ao
ty nahapoliotse†, ie ho miavake;
vaho ho fanaña' Iakobe o vara' iareoo. 18 Le ho afo ty anjomba' Iakobe,
naho lel'afo ty anjomba' Iosefe,
naho ho ahetse ty anjomba' i Esave,
le ho viañe' iereo ty ao, hamorototo iareo,
vaho tsy hengañe honka'e ty añ'anjomba' i Esave ao; fa nitsara t'IEHOVÀ. 19 Ho a o
tatimoo ty vohi' i Esave,
naho i monto' o nte-Pilisty ambane eio,
ho fanaña' iareo ty tete' i Efraime,
naho ty tonda' i Somerone,
vaho ho fanaña' i Beniamine t'i Gilade. 20 Ho fanaña' o nirohizañe amy valobohò' o
nte-Israeleoy ty a o nte-Kenàneo,
pak'e Tsakrefate añe;
vaho ho fanaña' o mpirohi' Ierosalaime
e Sefaradeo o rova atimoo. 21 Homb'an-kaboa' i Tsione mb'eo o
mpandrombakeo hizaka ty vohi' i Esave;
vaho ho a IEHOVÀ i fifeheañey‡.

† **1:17** Ies 4:2-3, Ioe 2:32, Ben 14:1 ‡ **1:21** Sab 2:8, Dan 2:44, Zek 14:9, Ben 11:15

# Ionà

1 Niheo am' Ionà* ana' i Amitày† ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe:
2 Miongaha, akia mb'e Ninevè, rova jabajaba mb'eo, le koiho; amy te mionjoñe
añatrefako eo ty halò-tsere' iareo. 3 Fe niavotse t'Ionà nipotatsake mb'e Tarsise‡
añe hienga ty fiatrefañe IEHOVÀ naho nizotso mb'e Iafò§ mb'eo naharendreke sambo
hionjoñe mb'e Tarsise añe; aa le finondro'e ty fañaveloa'e naho nijoñ' ama'e ao
hindreza'e mb'e Tarsise mb'eo hisitake ami'ty fiatrefañe am' IEHOVÀ.
4 Fe nampivovo tio-bey amy riakey t'IEHOVÀ, le nivalitaboak' amy zao i riakey,
kanao ho niporitsake i samboy. 5 Nangebahebak' amy zao o mpiandriakeo, naho
songa nikanjy ty 'ndrahare'e, vaho nahifi' iareo an-driak' ao ty haraotse am-po' i
samboy ao, hañamaivañe aze. Fe nijoñe añ'ate' i samboy t'Ionà; nandre, niròtse.
6 Aa le niheo ama'e mb'eo ty talen-tsambo nanao ty hoe; Ino ty atao'o ry mpirotseo?
Miongaha, kanjio o 'ndrahare'oo, hera hiferenaiña'e tsy hihomake. 7 Le nifanao ty
hoe ondatio, Antao hanao parè handrendreke te ia ty tali' o hekoheko zao aman-
tika. Aa ie nanao kitsapake, le nitsatok' am' Ionà. 8 Le hoe ty asa' iareo ama'e, Ehe,
itaroño, Ino ty nifetsaha' o hankàñe zao amantika; Ino o tolon-draha'oo? Le boak'
aia v'iheo? Aia ty tane'o? naho karaza' ondaty inoñe? 9 Le hoe re am' iereo, nte-
Evrè raho, mpañeveñe am' IEHOVÀ, Andrianañaharen-dikerañe, Andrianamboatse
i riakey naho i tane maikey. 10 Nirevendreveñe amy zao ondatio, vaho hoe ty asa'
iareo tama'e, Ino o nanoa'o zao? Fa nifohi' ondatio t'ie nibotriatse amy fiatrefañe
IEHOVÀ amy nisaontsia'ey.
11 Aa le hoe iereo tama'e, Hanoe'ay inon-drehe hampipendreñe i riakey? fe mbore
nitabohazake ty fivalitaboaha' i riakey. 12 Le hoe re am' iereo, rambeso raho,
avokovokò an-driak' ao; zay vaho ho pendreñe tsy ama'areo i riakey, fa apotako
te zaho ty nahavia' o tio-beio. 13 Te mone nivèy mafe o lahilahio hihereñe mb'an-
tane, fe tsy nimete; nidabadoa avao i riakey, nitròñe am' iereo. 14 Aa le nitoreove'
iereo am' IEHOVÀ ty hoe: Miambane ama'o zahay ry IEHOVÀ, ehe, ko ampikoromahe'o
ty ami'ty fiai' t'indaty toy, vaho ko apo'o ama'ay ty lio-màliñe, amy te Ihe ry IEHOVÀ
ro manao ty satrin-arofo'o. 15 Rinambe' iereo amy zao t'Ionà le nahifike an-driak' ao;
vaho nijihetse amy fitroña'ey i riakey. 16 Vata'e nañeveñe am' IEHOVÀ ondatio naho
nañenga soroñe am' IEHOVÀ vaho nifanta.

## 2

1 Ie amy zao fa nihentseñe' IEHOVÀ ty fiañe jabajaba nampigodrañe Ionà. Tam-pò'
i fiañey telo andro naho telo haleñe t'Ionà. 2 Nihalaly am' IEHOVÀ Andriananañahare'e,
an-tro' i fiañey ao t'Ionà, 3 ami'ty hoe,
Nitoreo am' IEHOVÀ amy fisotriakoy,
le tinoi'e;
nikoiake boak' an-Tsikeokeok' ao,
vaho jinanji'o ty feoko. 4 Fa navokovoko'o an-daleke ao raho,
an-teñateña' o riakeo ao;
nandipots' ahy o kinera'eo;
niary amboneko eo ze hene alo'o naho onja'o. 5 Aa le hoe raho,
nahifike tsy ho isam-pihaino'o;
fa ho toliheko indraike

* 1:1 Ionà: Deho, mpamorekeke; mpijoy † 1:1 Amitày: mahity; mañeveñe ‡ 1:3 Tarsise: fiereñereñañe; fibiribiriañe § 1:3 Iafò: fanjaka; tsomerentsereñe

i kivoho'o miavakey. [6] Niarikoboñe ahy o ranoo, pak'an-troko,
niariseho amako i lalekey;
vinandibandi' o lomotseo ty lohako. [7] Nizotso mb' am-baha' o vohitseo;
nañarikatok'ahy kitro katroke
o tsotsò' ty tane toio;
fe nakare'o boak' an-kibory ao
ty haveloko, ry IEHOVÀ Andriananañahareko. [8] Ie nitoirañe an-troko ao ty fiaiko,
le nahatiahy IEHOVÀ,
vaho niheo mb'ama'o an-kivoho'o
miavake ao ty halaliko. [9] Tsambolitio' o mpañaon-kakoaham-
bandeo ty fiferenaiñañe ama'e. [10] Fe hañenga soroñe ama'o raho
am-peom-pañandriañañe;
havahako i ni-fantàkoy,
fa boak' am' IEHOVÀ ty fandrombahañe.
[11] Aa le nafanto' IEHOVÀ i fiañey, vaho naloa'e an-tamboho ey t'Ionà.

# 3

[1] Niheo am' Ionà fañindroe'e ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: [2] Miavota mb'e Ninevè,
i rova jabajabay mb'eo, vaho tseizo ama'e ty saontsy hatoroko azo. [3] Aa le niongake
t'Ionà, nañavelo mb'e Ninevè mb'eo ty amy tsara' IEHOVÀy. Rova jabajaba ty Ninevè
kanao lia telo andro te rangàeñe. [4] Namototse naneñateña i rovay t'Ionà lia andro
raike vaho nikoike ty hoe: Ie heneke ty efa-polo andro le ho rotsake t'i Ninevè.
[5] Aa le niantok' an' Andriananañahare ondati' i Ninevèo, le nitsey lilitse vaho nisikin-
gony, ty loho bey pak' an-tsitso'e. [6] Niheo amy mpanjaka' i Ninevèy i tsaray, le
niongake amy fiambesa'ey naho nahifi'e añe ty sarimbo'e naho nisaron-gony vaho
nipisetse an-davenok' ao. [7] Nampitsitsife'e tsey ty Nineve ami'ty hoe: Ami'ty fandilia'
i mpanjakay naho o roandria'eo: Ehe ko apoke hitsopeke ndra inoñ' inoñe ze ondaty
ndra hare, ze mpirai-troke ndra lia-raike; ko meañe hihinañe ndra hinon-drano, [8] le
ampisaroñan-gony ondatio naho o hareo, sindre hipoña-toreo aman' Añahare; songa
hitolik' amo sata rati'eo naho amo halò-tsere'e am-pità'eo. [9] Ia ty hahafohiñe he
hitolike t'i Andriananañahare naho hiheve, hiamboho amy haviñera'e miforoforoy, tsy
hihomahan-tika?
[10] Aa naho nahavazoho o fitoloña' iareoo t'i Andriananañahare, t'ie niamboho amo
sata rati'eo, le napo'e i hankàñe nitsarae'e ho nanoe'e am' iereoy, vaho tsy nanoe'e.

# 4

[1] Fe vata'e nampangoae' Ionà zay le niloho boseke, [2] vaho nilolok' am' IEHOVÀ,
nanao ty hoe: Mihalaly ama'o, ry IEHOVÀ, tsy ie hao i nivolañeko te mbe tan-taneko
añey? Zaho nihitrike ty lay mb'e Tarsise mb'eo fa napotako te Andriananañahare
matarike rehe, mpiferenaiñe, malaon-kaviñerañe, naho lifotse fiferenaiñañe, vaho
habalintoa'o i hankàñe ho nanoe'oy. [3] Ie amy zao ry IEHOVÀ, ehe asitaho amako
ty fiaiko, fa hamake t'ie hikenkañe ta te ho veloñe. [4] Aa le hoe t'IEHOVÀ, Mañeva
hao o habose'oo? [5] Niakatse i rovay t'Ionà, niambesatse añ' ila' atiñana' i rovay ey
le nandranjy lapalapa vaho niambesatse ambane'e añ'alok' ao am-para' te isa'e ze
hifetsak' amy rovay.
[6] Nañalankañe vatavo amy zao t'IEHOVÀ Andriananañahare; le nampilalìe'e am-
bone' Ionà eo hañaloke ty añambone'e hampanintsiñe aze amy fifombo'ey. Le
nampivaran-ehake Ionà i vatavoy. [7] Fe nihajarien' Añahare oletse te nanjirike i loak'
àndroy nijoy i vatavoy, nahaforejeje aze. [8] Ie nionjoñe i àndroy le nampitiofen'
Añahare ty tio-bey atiñanañe matrevoke. Nipisañe añambone' Ionà i àndroy le
nitoirañe vaho nihalaly te hampihomaheñe ami'ty hoe: Hamake te hikenkan-draho

ta te ho veloñe. [9] Le hoe t'i Andrianañahare am' Ionà: Mañeva azo hao ty hifombo
amy vatavoy? le hoe re: Eka sazo ahy ty habosehako; hàmake t'ie ho mate. [10] Le
hoe t'IEHOVÀ, Nitretreze'o i vatavo tsy nifanehafa'oy, naho tsy nampitirie'oy, ie nitiry
haleñe vaho nimomok' an-kaleñe; [11] aa tsy ho ferenaiñako ka hao t'i Ninevè, i rova
jabajabay, toe ama'e ao t'indaty mandikoatse rai-hetse-tsi-ro-ale, tsy mahafohiñe ty
fità'e havana ami'ty havia'e, miharo hare tsifotofoto?

# Mikà

1 Ty tsara' IEHOVÀ niheo amy Mikà* nte-Moresete† tañ'andro' Iotame‡ naho i
Akhaze§ vaho Iekezkia* mpanjaka' Iehoda; i nioni'e ty amy Somerone† naho
Ierosalaimey‡. 2 Kila mijanjiña ry ondatio; mañaoña ry tane, naho ze hene ama'e
ao;
fa hanesek' anahareo t'IEHOVÀ Talè,
i Talè boak'añ'anjomba'e miavakey. 3 Heheke te miavotse i toe'ey t'IEHOVÀ,
hizotso mb'etoa,
handialia o haboa' ty tane toio§. 4 Hitranak' ambane'e eo* o vohitseo,
naho ho vaky o vavataneo,
manahake ty takafotse añatrefa' ty afo eo,
naho rano nadoandoañe am-pirorоñañe. 5 Fonga ty amo fiolà' Iakobeo† ,
naho o tahi' i anjomba' Israeleio‡;
Ino i hakeo' Iakobey?
Tsy i Somerone hao?
Aia o ankaboa' Iehodao?
Tsy e Ierosalaime hao? 6 Aa le hanoeko fivotrim-porompotse
an-tetek' ao ty Somerone,
ho tanem-bahe; naho
haparatsiako am-bavatane ao o vato'eo,
vaho haboako o mananta'eo. 7 Ho demodemoheñe iaby o samposampo'eo,
le ho forototoeñe añ'afo ao
o nibanabanaeñe ama'eo;
ho rotsaheko iaby o saren-drahare'eo,
fa natonto'e an-tamben-karapilo,
le hibalike ho tamben-tsimirirañe. 8 Aa le hangoihoy naho hikoiakoiake raho,
hihalo naho hibongy te handeha;
hanao fitrèn-drimo vaho
fandalàm-boron-tsatrañe. 9 Tsy lefe hahàñe o fere'eo,
fa nandakake mb'e Iehoda ao;
fa nahatakatse ty lalambei' ondatikoo;
Eka, pak' e Ierosalaime ao. 10 Ko taroñe'o e Gate añe,
ko mirovetse;
mivarimbariña an-davenok' ao
ty amy anjomba' i Ofràу§. 11 Mihelaña mb'eo ry mpimoneñe e Safire ao*;
ami'ty hameñaram-piboridaña'o;
tsy lefe ty fivoratsaha' o
mpimone' i Tsa'ananeo†;
mangololoike ty Bete'haetsele‡
hasinta'e ama'o ty fijohaña'o. 12 Mifeak' am-pitamàñe hasoa
o mpimone' i Maròteo§
fe nivotrak' an-dalambei'
Ierosalaime eo boak' am' IEHOVÀ

---

* 1:1 Mikà: rarake; mpireke † 1:1 Morestete; Fanaña' i Gate ‡ 1:1 Iotame: ty havantaña' IEHOVÀ § 1:1 Akhaze: mpitavañe * 1:1 Iekezkia: Haozara' IEHOVÀ † 1:1 Somerone: Vohi-pijilovañe ‡ 1:1 Ierosalaime: Aroñarom-pañanintsiñe § 1:3 Ies 26:21 * 1:4 Sab 97:5 † 1:5 Iakobe: tomitse; mpanolo aman-kalitake ‡ 1:5 Israele: mpifanehak' amy Talè § 1:10 Afrà; mivolañe, mikofòke * 1:11 Safire; Mpizaka † 1:11 Tsa'anane: fihetseke; ondaty mirotse ‡ 1:11 Bete'haetsele: Anjombam-pifankarine § 1:12 Marote: Hafairañe

ty hankàñe. 13 Feheo amo sareteo o soavalao,
ry mpimone’ i Lakìse*,
ihe namototse ty hakeo’
i anak’ ampela’ i Tsioney†,
vaho nizoeñe ama’o
o fiolà’ Israeleo. 14 Aa le ho banabanae’o ravoravom-piavotañe ty Moresete-Gate;
ho famañahiañe amo mpanjaka’
Israeleo o anjomba’ i Akzìbeo‡. 15 Mbore haseseko ama’o ty mpitavañe,
ry mpimone’ i Maresà;
himoak’ Adolame§ ao ty enge’ Israele. 16 Mipeaha rehe, miharata
ty amo anake mahafale azoo;
indrao ty hasola’o hifanahak’ ami’ty koáke, ie hieng’azo mb’an-drohy mb’eo.

# 2

1 Hankàñe amo mpikilily
hatsivokarañeo,
o mikitro-draha an-tihi’eo!
Ie berabera andro le mañeneke
kanao am-pità’ iareo ty haozarañe. 2 Mihañe teteke, le mitavañe,
naho anjomba, le minday;
aa le forekekè’ iereo
ty fokontokoñe rekets’ i akiba’ey,
vaho t’indaty naho i lova’ey. 3 Aa le hoe ty nafè’ Iehovà:
Inao, safirieko hekoheko ty fifokoañe toy,
le tsy haha-votso-bozoñ’ ama’e nahareo,
vaho ko mañavelo an-drengevoke;
fa ho san-kankàñe. 4 Amy andro zay le handrazan-drehake
ty ama’o iereo,
naho handala am-pirovetañe ty hoe:
Vata’e rotsake zahay;
novae’e ty anjara’ ondatikoo,
akore ty nanintaha’e amako!
Tsy ho navaha’e o tete’aio? te mone zarae’e. 5 Aa le tsy eo ty hikozozotse talim-panjeheañe an-kitsapak’ ami’ty valobohò’ Iehovà ho azo.
6 Ko mitaroñe, hoe ty taroñe’ iareo;
Tsy hitaroña’iareo o raha zao,
tsy mone ho salareñe.
7 Hoe ty volañeñe ry anjomba’ Iakobe,
Tsy mahaliñe hao t’i Arofo’ Iehovà?
Sata’e hao rezao?
Tsy mahasoa ty mpañavelo an-kavantañañe hao o volakoo?
8 Fe nitroatse ho rafelahy omale ondatikoo; endahe’ areo ty sarimbo reketse ty akanjo’ ondaty mitoañe am-panintsiñañeo,
o mimpoly boak’añ’alio.
9 Ampisitahe’ areo o rakemba’ ondatikoo; songa boak’ añ’anjomba’e soa fihamiñe; asinta’ areo amo keleia’ iareoo kitro-katroke ty engeko.
10 Miongaha! Akia! fa tsy fitofà’ areo ty atoy; i haloera’ey ty maharotsake
am-pandrotsahañe mitivontivoñe.
11 Naho teo ty mpañorike tioke naho vande, nandañitse ami’ty hoe:

* 1:13 Lakise; ty veloñe amam-bata’e avao † 1:13 Tsione; Vato fampitiahiañe; toetse masy ‡ 1:14 Akzibe; Mpandañitse, mpamañahy; § 1:15 Adolame: ty taro’ iareo; ty tsindro’e;

Hitaroñe divay naho toake
ama’ areo raho,
ie ty hatao mpilañoñe
am’ondaty retoañe.
12 Toe havoriko rehe, ry Iakobe, ihe iaby;
toe hatontoko ty sengaha’ Israele;
hatraoko hoe añondry
am-piandrazañe ao;
manahake ty lia-raik’ an-golobo’e ao;
higoreongoreoñe ty am’ondatio.
13 Miakatse aolo’ iareo mb’eo
t’i Mpampiboroboñake;
miboroboñake mb’eo iereo,
mivavatse mb’an-dalambey
naho miakatse añe;
vaho miary aolo mb’eo ty Mpanjaka’ iareo, IEHOVÀ ty mpiaolo’ iareo.

## 3

1 Le hoe raho:
Ehe, mijanjiña ry roandria’ Iakobe,
naho o lohà’ i anjomba’ Israeleio,
tsy inahareo hao ty hahafohiñe ty hatò?
2 Ry mpalain-ty soa, naho mpitea haratiañeo; ry mampikorendake ty holi’ iareo,
naho ty nofotse boak’an-taola’ iareo.
3 Ry mpampibotseke ty nofo’ ondatikoo, mpañolitse iareo, mpampipozake o taola’eo,
naho manoritory iareo ho am-balàñeo,
hoe hena an-tsajoa.
4 Hitoreo am’ IEHOVÀ iereo henane zay,
f’ie tsy hanoiñe;
eka, haeta’e am’ iereo ty lahara’e
amy andro zay,
ty amy haloloan-tsata’ iareoy.
5 Hoe ty nafè’ IEHOVÀ
ty amo mpitoky mampandilatse ondatikoo; mikoike ty hoe:
Fierañerañañe,
kanao ahazoa’e ty ho tifarem-pamotsi’e;
fe hentseñe’e aly
ty tsy mampijon-draha am-palie’e ao.
6 Aa le ho haleñe ama’ areo zay,
tsy amañ’aroñaroñe,
naho ho ieñe ama’ areo,
tsy hisikiliañe;
ho tsofots’ andro amo mpitokio,
himoromoroñe am’ iereo te handro.
7 Ho salatse o mpioniñeo,
vaho ho tangòke o mpisikilio;
eka, hanakom-palie iereo,
amy te tsy manoiñe t’i Andrianañahare.
8 Fe mañatsak’ ahy ty haozaran’
Arofo’ IEHOVÀ, naho ty hatò,
vaho ty hafatrarañe,

hitsey am’ Iakobe i fiolà’ey,
naho am’ Israele i hakeo’ey*.
9 Ehe, janjiño zao, ry talen’ akiba’ Iakobeo, naho ry talèn’ anjomba’ Israeleo,
ry mpalain-kavantañañeo,
vaho mpañamengoke ze atao zaka-to;
10 Ie mamboatse i Tsione an-dio,
naho Ierosalaime an-katsivokarañe.
11 Mpizaka mipay tambe o mpiaolo’eo;
mipay karama te mañòke† o mpisoro’eo, naho mpitoky mpangala falitse o mpitoki’eo;
inao, miato am’ IEHOVÀ iereo,
manao ty hoe:
Tsy añivon-tika hao t’IEHOVÀ?
Toe tsy hifetsahan-kankàñe!
12 Aa le inahareo ro itrabahañe i Tsione hoe tonda,
naho Ierosalaime ho votrim-porompotse,
vaho ty an-tamboho’
i vohi’ i anjombaiy ho ala.

# 4

1 F’ie amo andro honka’eo,
le horizañe ho abo amo vohitseo
ty vohin-anjomba’ IEHOVÀ,
haonjoñe ambone’ o haboañeo;
vaho hivovotse mb’ama’e mb’eo ondatio. 2 Le homb’eo ty fifeheañe maro
hanao ty hoe:
Antao hionjom-b’am-bohi’IEHOVÀ mb’eo,
mb’amy anjomban’Añahare’Iakobey.
hañòha’e antikañ’ o sata’eo,
hañaveloan-tika o lala’eo.
Hionjoñe boake Tsione ao ty Hàke,
vaho hirike Ierosalaime ao ty tsara’ IEHOVÀ, 3 hizaka añivo’ o kilakila ondatio
vaho ho toroa’e lily o foko maozatse
tsietoitane añeo.
Le ho pehe’ iareo ho fangaly o fibarao
naho ho fañeteke o lefo’ iareoo.
Tsy hifañonjom-pibara o rofokoo,
vaho tsy hiòke hialy ka. 4 Songa hiambesatse ambane’
ty vahe’e t’indaty naho ambane’ i sakoa’ey eo,
tsy ao ty hahahembañe iareo,
fa nitsara ty falie’ IEHOVÀ’ i Màroy. 5 Sindre hanjotik’ ami’ty añaran-drahare’e o kilakila’ ondatio;
fe hañavelo ami’ty tahina’ IEHOVÀ
Andrianañaharen-tika
nainai’e donia tika*. 6 Hatontoko amy andro zay, hoe t’IEHOVÀ,
ze mikoletra,
naho havoriko ty nasiotse añe
vaho i nanilofakoy. 7 Hanoeko sehanga’e i nikoletray
naho fifeheañe maozatse i nasiotsey.
ie ho fehe’ IEHOVÀ am-bohi’ i Tsione ao,
henane zay naho ho nainai’e añe. 8 Le ihe, ry Fitalakesañ’Abo i Lia-Raikey†,

* 3:8 Fi II 24:20, Jao 16:8 † 3:11 Jao 10:12 * 4:5 Zek 10:12 † 4:8 heb: Migdale-edere

ty haboa' i anak' ampela' i Tsioney;
eka, homb'ama'o mb'eo re;
hitotsake eo i fifeheañe taoloy,
ty fifeleha' i Anak' ampela' Ierosalaimey. 9 Ino ty ikoiakoiaha'o?
Tsy amam-panjaka hao?
Nihomake hao i Mpanoro azoy,
ihe fihine' ty fanivontivoñañe
manahake ty fitsongoan-drakemba? 10 Minioniòra, mañeña, hisamaha'o,
ry anak' ampela' i Tsione,
manahake ty ampela mitsongo;
fa hiavote'o henaneo i rovay,
himoneñe an-kivok' ao,
am-para' te mandoake e Bavele ao;
añe rehe ho hahañe;
añe ty hijebaña' IEHOVÀ azo
am-pità' o rafelahi'oo. 11 Ie henanekeo maro ty fifeheañe
mifanontoñe hialy ama'o,
manao ty hoe:
Ee t'ie ho tivaeñe, naho hahafisamba i Tsione o fihainon-tikañeo. 12 Fa tsy fohi' iareo
ty ereñere' IEHOVÀ;
naho tsy apota' iareo ty safiri'e;
Ie ro nanontoñe iereo hoe ampemba
an-toem-pamofohañe eo. 13 Miongaha, mamofoha,
ry anak' ampela' i Tsione;
fa hanoeko viñe ty tsifa'o,
naho hanoeko torisìke o hotro'oo;
handemodemoke t'indaty maro;
vaho hengae'o am' IEHOVÀ
o nivokare' iareo tsy too;
ho amy Talè' ty tane bey toiy ty vara' iareo. 14 Mifanontona am-pirimboñañe,
ry anak' ampelam-pirimboñañeo
fa vinandro' iareo tika;
nilafàe' iareo an-kobaiñe ty fiambina' i Mpizaka' Israeley.

# 5

1 Fa ihe ry Betlekheme* Efràtae†,
ty loho kede añivo' o
arivo lahi' Iehodao;
boak' ama'o ty hionjoñe ho ahy,
ty ho mpifehe' Israele,
ie haehae añe o fionjona'eo,
faha-tsietoimoneñe añe. 2 Aa le hatolo'e añe iereo
ampara' te nahatoly anake i mitsongoy,
himpoly amy zao ty sehanga' o longo'eo mb'amo ana' Israeleo mb'eo. 3 Hiongake re,
le hampiandraze'e‡
ami'ty haozara' IEHOVÀ,
ami'ty volonahe' i Tahina'
IEHOVÀ Andrianañahare'ey;

* 5:1 Betlekheme: anjomba' mahakama † 5:1 Efràtae: havokaram-bey; mamokatse ‡ 5:3 Iek 34:13-14

hiaiñ’ añoleñañe iereo, amy t’ie ho ra’elahy pak’añ’olo’ ty tane toy henane zay. [4] Ie
ty ho fañanintsin-tika,
naho maname ty tanen-tika o nte-Asoreo,
handialia o anjomban-tikañeo,
le hampitroaren-tika ama’e
ty mpiarake fito,
naho ty mpiaolo valo boak’ am’ondatio. [5] Harahe’ iereo am-pibara
ty tane Asore§,
naho ty tane’ i Nimrode*
amo lalambei’eo
naho havotso’e amo nte-Asoreo tika,
ie mivotrak’ an-tanen-tika ao,
mandialia añate’ o efe-tanen-tikañeo. [6] Ho añivo’ o kilakila’ondatio añe
ty sehanga’ Iakobe,
hoe zono boak’ am’ Iehovà,
hoe oran-joba amo ahetseo,
tsy nitamà’ ondaty,
tsy niliñisa’ o ana’ondatio. [7] Ho am-po’ o fifeheañeo
ty sehanga’ Iakobe
añivo’ o kilakila’ ondatio ao,
hanahake ty liona añ’ate’ o bibin-alao,
naho ty ana-diona añivo’
o añondry lia-raikeo ao,
ie miranga ro mandialia
naho mandrimidrimitse
vaho tsy eo ty handrombake. [8] Honjoneñe ambone’ o rafelahi’oo ty fità’o, vaho
haitoañe iaby o malaiñ’ Azoo. [9] Ie amy andro zay, hoe t’Iehovà,
te hapitsoko añivo’o ao o soavala’oo,
vaho ho rotsaheko o sarete’oo. [10] Haitoako ka o rova’ i taneio,
vaho fonga hahotrako ambane
o kijoly fatratseo; [11] Haitoako am-pità’o
ze atao famorehañe; ihe tsy ho amam-pisikily ka; [12] Ho firaeko o hatae sinoki’oo,
naho o vato mitroatse añivo’o aoo,
soa tsy hitalahoa’o ka o satam-pità’oo. [13] Hombotako boak’ añivo’o ao ka
o samposampo’oo;
vaho ho rotsaheko o rova’oo. [14] Le hondrohako amo kilakila’ ondatio
ty vale-fate an-kabosehañe,
naho am-piforoforoañe amo tsy nañaoñeo.

# 6

[1] Janjiño henaneo ty nafè’ Iehovà:
Miongaha, aboaho amo vohitseo o enta’oo, ampitsanoño o haboañeo ty fi-
arañanaña’o. [2] Mitsendreña ry vohitseo, ty sisì’ Iehovà,
ry manantañe maoza’ ty tane toio,
fa manan-kabò am’ondati’eo t’Iehovà,
ie toe hifanjomotse am’Israele. [3] O ry ondatikoo,
ino ty nanoako azo?
Akore ty nahamokorako azo?
Atalilio. [4] Zaho nañakatse azo
an-tane Mitsraime añe,

§ **5:5** Asore: fale; manjotike; i mañentey * **5:5** Nimrode: fiolàñe; fanalolahy

nijebañ'azo an-trañom-pañondevozañe,
le nampiaoloeko azo t'i Mosè* naho i Aharone† vaho i Miriame‡. [5] O ry ondatikoo,
tiahio henaneo i nikinià' i Balake§ mpanjaka' i Moabey*,
naho ty natoi' i Balame† ana' i Beore‡ aze boake Sitime§ pake Gilgale*,
hahafohina' areo o sata-vanta' IEHOVÀo. [6] Akore ty hiatrefako IEHOVÀ?
ty hiambaneako aman' Añahare
Andindimoneñey?
Hiatrefako an-tsoron-koroañe hao,
an-temboay hao? [7] Ho no' IEHOVÀ hao t'ie kobatròk' arivo?
ndra torahañe rai-ale mikararàke menake?
hatoloko hao ty tañoloñoloñako
ty amy fiolàkoy?
ty vokan-troko ty amo hakeom-piaikoo? [8] Fa natoro azo, ry koahe, ty hasoa,
naho ty ipaia' IEHOVÀ:
te hanoe'o ty hiti'e,
t'ie ho tea fiferenaiñañe,
vaho hirè-batañe hindreza'o fañavelo aman' Añahare'o. [9] Mikoik' amy rovay
ty fiarañanaña' IEHOVÀ,
hañaoñe ty tahina'o ty mahihitse.
Janjiño i Kobaiñey, naho i nanendre azey. [10] Mbe amam-baran-katsivokarañe hao
ty añ'akiba' i lo-tserekey?
naho i kapoa-tomotse tìvay. [11] Ho volilien-ko hiringiri'e hao raho
t'ie amam-balantsy vìlañe,
naho amam-batom-pamañahiañe an-koroñe ao? [12] Ie pea katramo o mpañalealeo,
naho mivolam-bande o mpimone'eo,
vaho mamañahy am-bava'e ao ty lela' iareo. [13] Aa le ho silòfeko rehe,
ho zevoñeko ambane, hampibangìñ' azo
ty amo tahi'o maroo. [14] Hikama rehe fa tsy ho anjañe;
hasalikoañe mampikoritoke
ty an-tro'o ao;
hanao an-driha rehe fa tsy hahafihaja,
vaho hatoloko ami'ty fibara ze nakafi'o. [15] Hitongy rehe fe tsy hanatake;
handia olive fe tsy hihosotse
amy menakey;
naho hampipiritse valoboke,
fe tsy hinome'o ty divai'e. [16] Nitambozora' areo o fañè' i Omrio†;
naho nitàñ' o sata' i Akabeo‡,
naho nañavelo amo fisafiri' iareoo;
aa le hampangoakoaheko rehe,
hampikosihañe o mpimoneñeo,
le ho vavè' areo ty inje' ondatikoo.

# 7

[1] Hankàñe amako! fa manahake
i nipòk' amo vokan' asara fa natontoñeoy,

* **6:4** Mosè: nakareñe; † **6:4** Aharone: mpañoke; abo; an-koazara ‡ **6:4** Miriame: Fiolàñe § **6:5** Balake: mpandrotsake * **6:5** Moabe: boak' aman-drae'e † **6:5** Ty antetse am'ondatio; ty famongora'e ‡ **6:5** Beore: mirehetse; dagola; minèñe § **6:5** Sitime: fatike * **6:5** Gilgale: larò; mivariñe; votry † **6:16** Omri: voton-tsako ‡ **6:16** Akabe: Rahalahin-drae

tsy am-pirotorotom-baloboke ho haneñe; ndra valoham-boa hampilelalela ty fiaiko.
2 Fa nifaoheñ' an-tane atoy t'indaty
mañori-Kake,
tsy ao ty mahity am'ondatio;
songa miampitse handrendreke lio,
sindre mifañoroñe an-karato
o mpirahalahio. 3 Fità-roe ty mahatafetetse o sata rati'eo;
ipaia' i roandriañey naho
takea' i mpizakay ty vokàñe;
aboa' ty bey ty fikitrohan-tro'e,
vaho rarè' iereo hitraoke. 4 Hoe hìsatse ty soa am'iereo,
hoe vovom-patike ty mahity ama'e;
i andro ampitsatohe'o mpijilojiloy:
tondroke ty fitilihañe azo;
ho doboñe iereo henane zay. 5 Ko miato rañetse,
ko mirampy aman-atehena;
amy màndre añ'arañа'o eoy,
itaò o soñi'oo. 6 Fa mañamavo an-drae'e ty ana-dahy,
miatreatre an-drene ty anak' ampela,
ty vinanto-ampela aman-drafoza'e ampela; rafelahi'ondatio t'indaty añ'akiba'e ao.
7 Aa naho zaho, hitamà IEHOVÀ;
ho liñisako i Andrianañaharem-pandrombahakoy; hijanjiñe ahy t'i Andrianañahareko.
8 Ko mirebeke ahy, ry mpalaiñ' ahio, ndra t'ie mikorovoke, mbe hitroatse;
ndra mitobok' añ'ieñe ao,
IEHOVÀ ro hazavàko.
9 Ho vavèko ty haviñera' IEHOVÀ
amy t'ie nandilatse ama'e,
ampara' te ihalalia'e ho ahy,
naho ampijadoña'e zakam-pañisohañe; ie hakare'e mb'an-kazavàm-b'eo,
vaho ho treako ty havantaña'e.
10 Ho oni' i rafelahikoy zay,
vaho ho saroña' ty hasalarañe
ty nanao amako ty hoe:
Aia t'IEHOVÀ Andrianañahare'o?
Ho sambae' o masokoo, ie ho lialiàñe hoe fotak' an-dalañe eo henane zay.
11 Ho androm-pampitroarañe o kijoli'oo amy andro zay, hibolea' i Hake mb'eo mbe'o.
12 Ho androm-pitotsahañ' ama'o,
boak' Asore naho i Mitsraime,
boake Mitsraime pak'amy sakay*; eka, boak'an-driake pak'an-driake, vaho boak'am-bohitse pak'am-bohitse,
13 Le ho koake i taney ty amo mpimone'eo,
ho vale' ty hatsivokaram-pitoloña' iareo.
14 Araho an-kobai'o ondati'oo,
i lia-rain-dova'o rerek' añ'ala ao,
an-teñateñan-tane marorok' aoy;
andrazo mb'e Basane† naho mb'e Gilade‡ mb'eo iereo manahake tañ'andro haehae.
15 Manahake tañ'andro nañakarako azo
an-tane Mitsraime ao,
le hampiboahako raha fanjaka.

---

* 7:12 Eofrate † 7:14 Basane: tsinila, tsifa ‡ 7:14 Gilade: fitoaboran-talily

16 Ho oni’ o kilakila’ ondatio le ho salatse ndra te maozatse; hamihim-palie am-pitàñe
vaho ho valagìñe an-dravembia.
17 Ie hitsela deboke hoe mereñe,
hitititititike t’ie miakatse an-kijoly ao hoe merembitike hirik’ an-tane ao; hangebahe-
bake t’ie miheo mb’am’ IEHOVÀ Andrianañaharentika,
vaho hañeveñe ama’o iereo.
18 Ia t’i Andrianañahare hañirinkiriñe Azo,
Mpañafa-kakeo, naho mampipoke ty fiolà’ o honkahonkan-dova’eo!
Tsy tana’e nainai’e ty haviñera’e, vaho
ifalea’e ty fiferenaiñañe.
19 Hiferenaiña’e indraike tika,
ho lialiàm-pandia’e o hakeon-tikañeo; Eka! hahifi’o an-driake lalek’ ao o tahi’ iareoo.
20 Ho tolora’o havantañañe t’Iakobe,
naho fiferenaiñañe t’i Avrahame,
i nifantà’o aman-droae’ay haehae zay.

# Nakòme

[1] Ty talily i Ninevè*. Ty boken' aroñaro' i Nakòme† nte-Elkose‡.
[2] Mpamarahy t'i Andrianañahare,
Mpamale fate t'IEHOVÀ;
Mpañondroke miforoforo t'IEHOVÀ;
Mpañava-kabò amo rafelahi'eo t'IEHOVÀ,
ie mañaja haviñerañe amo malaiñe azeo.
[3] Malaon-kaviñerañe t'IEHOVÀ,
ra'elahy ty haozara'e,
fe tsy hapò'e tsy ho lafaeñe
o aman-kakeoo;
IEHOVÀ: amo tangololahio
o lala'eo, naho ami'ty tio-bey ao;
o rahoñeo ro debom-pandia'e.
[4] Endaha'e i riakey le ampimaihe'e,
ampikarakankaiñe'e o sakao;
rinotsake t'i Basane naho i Karmele;
miheatse ty voñen-katae' i Libanone.
[5] Miezeñezeñe aolo'e eo o vohitseo,
mitranake iaby o haboañeo,
forototo ty tane toy ami'ty fiatrefa'e,
ty voatse toy naho ze mpimoneñe ama'e ao.
[6] Ia ty mahafijohañe añatrefa'
o fifombo'eo?
Ia ty mahatambeloñe amy
fiforoforoan-kaviñera'ey?
Ailiñe hoe afo ty filevelevea'e,
avokovoko'e ambane iaby ze vato.
[7] Soa t'IEHOVÀ, fipalirañe
añ'andron-kankàñe;
arofoana'e iaby o miato ama'eo. [8] F'ie an-tsorotombahañe mivovò,
ty hamongora'e i toe'ey,
vaho ho roahe'e mb' an-kamoromoroñañe ao o rafelahi'eo. [9] Ino ze o fikililia' areo
am' IEHOVÀ zao?
Fa harotsa'e,
tsy hiongake fañindroe'e ty hekoheko. [10] Fa manahake ty fivandiram-patike
naho ty hamamoa' o jikeo,
ty hampangotomomoheñe iereo hoe ahe-maike. [11] Boak' ama'o ty niavia'
i nikitro-draha am' IEHOVÀy,
ie mañeretse hatsivokarañe. [12] Hoe t'IEHOVÀ:
ndra t'ie lifo-kaozarañe,
naho mitozantozañe,
mbe hampikorovoheñe,
vaho hihelañe añe;
fa ndra te nanilofeko rehe,
tsy ho silofeko ka. [13] Hapozako ama'o henaneo ty joka'e,
vaho ho rafadrafateko o tali-randra'oo. [14] Fa nandily ty ama'o t'IEHOVÀ,

* 1:1 Ninevè: soa vintañe; mete figahiñan'Añahare † 1:1 Nakome: mpañohò; veka'e hisoloho ‡ 1:1 Elkose: ty

te tsy ho tongisañe ka ty tahina'o;
le haitoako amy akiban-drahare'oy
ty sare sokin-katae
naho ty sare natranake;
f'ie hanoako kibory,
amy t'ie tsy manjofake.

# 2

1 Hehek' an-kaboañe ey
o fandia' i mpinday talily soaio,
i mampiboele fifampilongoañey!
O ry Iehodà, anò o sabadidake miavakeo, henefo o nifantà'oo;
amy te tsy hiranga ama'o ka
ty Beliale, fa naitoañe. 2 Fa nitroatse añ'atrefan-dahara'o eo
ty mpandrotsake,
tano i kijoliy, jilovo i lalañey,
mitokia an-kaozarañe, avorio o hafatrara'oo. 3 Vaòe' IEHOVÀ ty enge' Iakobe
naho ty volonahe' Israele;
fa nampikoake iareo o mampikoakeo,
vaho jinoi' iareo o singam-bahe'eo. 4 Ho mena mañabarà ty fikalan-defo'
o fanalolahio,
misikiñe mena iaby o lahin-defo'eo,
afo amam-bý miloeloe o sarete'eo
amy andro fihentseña'ey,
vaho miriñariña iaby o lefon-ambilazoo; 5 Mitrakotrako amo lalañeo o sareteo,
mifaniotsiotse an-diolio eo;
manahake ty fañilo ty vinta' iareo,
ie mihelatse mb'etia mb'eroa. 6 Tiahi'e i mpiaolo rey;
mamingañe iereo te miloka;
malisa t'ie handrombake i kijoliy,
fa nihentseñeñe ty fikala'e, 7 Misokake o lalam-pikalañañe i sakaio
vaho rinava'e i anjombay. 8 Fa nivoloseñe i mpanjaka ampelay,
fa nasese añe,
miñeoñeoñe hoe feon-deho-fona
o anak' ampata'eo,
ie mamofok' arañañe; 9 Manahake o antara haehaeo
t'i Ninevè, ie mihelañe añe;
mijohaña, mitsangana!
fe leo raike tsy mitoli-boho. 10 Kopaho o volafotio,
haofo o volamenao
amy te tsy ho revo ty an-driha ao,
fanake tsifotofoto ty ao. 11 Kapaike re, mangoakoake naho mavo,
mitranake ty arofo,
mifampigaiñe o ongotseo,
mikoritoke iaby ze fisafoa,
mikò mainte iaby o vintañeo. 12 Aia i lakaton-dionay,
ty famahanañe o liona tora'eo,
i fipiapià' i lionay naho i liona-vavey
naho i ana-dionaiy,
ie tsy amam-pañembañe? 13 Nahaeneñe o ana'eo ty rinimi' i lionay,
nahatseke o vali'eo o vinono'eo,

natsafe’e tsindroke o lava’eo,
le nofotse riniatse an-dakato’eo. 14 Miatreatre azo raho, hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy
Haonjoko an-katòeñe o sarete’eo,
habotse’ i fibaray o liona tora’oo;
le haitoako ami’ty tane toy o tsindro’oo,
vaho tsy ho janjiñeñe ka
ty fiarañanaña’ o ira’oo.

# 3

1 Hankàñe amy rova mpampiori-dioy,
lifotse vande naho vara kinopake,
le lia’e tsy modo o tsindroheñeo. 2 Inay ty karavantsy!
Inao ty fikatrakatrà’ o laròn-tsareteo;
heheke ty fitsapiotsapio’ o soavalao,
naho o sarete mitrakotrakoo. 3 Mañoridañe o mpiningitse soavalao,
mimilomilotse i fibaray;
mipelapelatse i lefoñey;
zinamañe i lahialeñey,
tsifotofoto o votrin-doloo,
o fañova mifitakeo;
ie mitsikapy amo fateo; 4 ty ami’ty hamaro’ o hakarapiloa’
i tsimirira kenakenakeio,
i hekohekom-pamorekey,
i mandetake fifeheañe amo
hakalalijaha’eoy,
naho hasavereñañe amo famoreha’eo. 5 Inao! miatreatre azo raho,
hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy,
le hatsingako an-doha’o eo o siki’oo,
naho haboako amo kilakila’ondatio ty fihalo’o
vaho amo fifeheañeo ty heña’o. 6 Hafetsako ama’o ty raha mampangorý,
hanivà’e azo, ie hanoeko fisambàñe. 7 Ie amy zao, hene handripak’ ama’o
ze maharendrek’ azo, hanao ty hoe:
Fa mangoakoake ty Ninevè;
ia’ ty handala aze?
aia ty hahatreavako mpañohò ho azo. 8 Soa te amy No-amone v’iheo,
Ie nitoetse añivon-tsaka eoy,
naho niarikatohen-drano,
i riakey ty nañaro aze,
naho i ranoy ty ni-kijoli’e? 9 I Kose naho i Mitsraime ty nanolo-kaozarañ’ ama’e tsy nete ritse;
nimpañolots’aze t’i Pote naho i Lobý*. 10 F’ie nasese mb’eo,
nisese mb’am-pandrohizañe añe,
fonga naretsak’ an-doha’ o lalan-drovao ey o anak’ ajaja’eo;
nanoe’ iereo tsato-piso o roandria’eo,
vaho rinohy an-tsilisily iaby
o ana-dona’eo. 11 Toe ho jike ka rehe, vaho hiàmpitse;
ie hipay fitsolohañe ty amy rafelahiy. 12 Manahake o rotseo
ze hene golobo’o mifahetse,
ie ezeñezeñeñe ro mihintsañe
mb’am-paliem-pikama ao. 13 Oniño te hambañe aman’ampela

* 3:9 Lobý: taliñiereñe

ondaty añivo'oo;
midañadaña ho a o rafelahio
o lalambein-tane'oo;
hampangotomomohe' ty afo o sikada'eo. 14 Mitariha rano ho amy fiarikoboñañey,
haozaro o kijolio;
mionjona amo lietseo,
lialiao i pakotsey,
vontitiro i mòlim-birìkey; 15 Hamorototo azo ao ty afo,
hañito azo i fibaray,
habotse'e manahake i valalay;
mifamorohota hoe kijeja,
mivorovoroa hoe sy. 16 Nampamasiañe'o mandikoatse
o vasian-dikerañeo
o mpibalibalik' ama'oo;
miofoke i kijejay vaho mitiliñe añe. 17 Hoe valala o mpigari'oo,
mifamorohotse hoe kijeja
o mpifehe'oo, ie mitobe an-kijoly eo
naho manintsiñe ty andro,
fe mipitsik' añe te mafana-voho,
vaho tsy fohiñe ty tane nombà'e. 18 Mirotse o mpiara'oo ry mpanjaka'
i Asore, mitofa o roandria'oo;
mivarakaik' am-bohitse ey ondati'oo,
vaho tsy eo ty hanontoña'o. 19 Tsy hay melañeñe ty bae'o,
mahaferenay o fere'oo;
fonga hitehateha-pitàñe ty ama'o
o mahajanjiñe i talili'oio;
fa ia ty tsy nifetsaha' o fampisoaña'o
nitoloñeñe nainai'eo?

# Kabakòke

1 Ty entañe nioni' i Kabakòke* mpitoky. 2 O ry IEHOVÀ, pak'ombia
ty hitoreovako, Ihe tsy mijanjiñeo?
naho ipoñafako feo, ami'ty hoe: Varata! Tsy rombahe'o!
3 Ino ty ampahaisaha'o ahy
o tsy fanjofahañeo,
naho ampandrendreha'o ty
halonjerañe, naho ty harotsahañe,
vaho ty halò-tserehañe aoloko ey?
eo ka o mpiolao naho o mpandietseo.
4 Aa le repake t'i Hake,
vaho tsy miboake ho vantañe o zakao;
fa arikoboña' o tsivokatseo o vañoñeo,
aa le zaka vìlañe avao ty mandeha.
5 Sambao o kilakila' ondatio,
le maharendreha naho mañarahàrà,
Ilatsao fa hanoeñe amo andro' areoo
ty fitoloñañe tsy hiantofa' areo,
ndra t'ie italilañe.
6 Inao! te hampitroareko o nte-Kasdìo,
i fifeheañe mafaitse naho malìsay,
o hangovovoke hitsaha'e
i tane bey heneheneio
hitavana'e o akiba tsy a iareoo.
7 Ie mampangebahebake naho
mampirevendreveñe;
miboak' am-bata'e ty hionjona'
ty zaka naho ty enge'e.
8 Masika te amo farasio o soavala'eo,
ie maola te amo amboa-hako
an-kaleñeo,
mitsapiotsapioke o mpiningitseo,
boake tsietoitane añe o mpiningi'eo;
miherereake hoe hondria
malisa t'ie hanao revozeake.
9 Fonga hihofike mb'eo am-bodongero'e o azeo, miatre-daharañe manahake i tiok'
atiñanañey hanontom-pirohy hoe faseñe.
10 Ie mpanivetive mpanjaka,
inje' iareo o roandriañeo,
itohafa' iareo ze rova fatratse,
ampirampia' iereo tane le mitavañe.
11 Mihelañe hoe tioke ty arofo'iareo,
fa voa hakeo, amy te samposampo'e ty haozara'e.
12 Tsy taolo' ty atao andro hao rehe
ry IEHOVÀ Andrianañahareko masiñe?
tsy ho mongotse zahay.
Ry IEHOVÀ, toe tinendre'o ho zakaeñe re,
Ihe Lamilamy, ro nañory aze ho liloveñe.

* 1:1 Kabakòke: mpanazoke; mpanao ringa

13 Amam-pihaino mikotritriake rehe,
tsy mañeva azo ty hivazoho haratiañe;
tsy mete mioniñe hatsivokarañe;
akore te metea’o o mañoho-dozao?
Ihe mianjiñe avao, t’ie abotse’ i lo-tserekey t’indaty vantañe te ama’e;
14 Ie anoe’o hoe fian-driake ondatio,
hoe raha milalilaly tsy amam-pifehe.
15 Fonga tarihe’e am-porengotse,
kozozote’e an-karato,
naho manontoñe an-jarifa,
vaho mirebeke am-pitreñañe,
16 Misoroñe amo harato’eo,
naho mañemboke amo jarifa’eo,
amy t’ie ro mahavondrake ty anjara’e,
naho mahatobàke o mahakama’eo.
17 Aa ho koahe’e hao o harato’eo?
ho zamane’e nainai’e hao o fifeheañeo
fa tsy hanisa?

## 2

1 Hijohañe am-pijilovako eo raho,
hijadoñe am-pitalakesañ’ abo ey,
hañilo mb’alafe’e mb’eo
handrèndreke ze ho tsarae’e amako,
naho ze hatoiko t’ie hiveroke.
2 Nanoiñe ahy t’IEHOVÀ ami’ty hoe:
Sokiro i aroñaroñey,
bakabakafo an-takelake,
hahavakia’ondaty milay.
3 Ho amy andro namantañañ’ azey i tokiy,
i figadoñañey ro enta’e,
le tsy handañitse
ndra t’ie tambatse, liñiso,
toe ho tondroke le tsy hihenekeneke.
4 Heheke ty miebotsebots’ an-troke,
tsy vañoñe ty ama’e ao;
fe veloñe amy fatokisa’ey ty vantañe.
5 Mbore fañahie’ ty divay ty mpirengevoke
tsy ho tamàñe añ’akiba’e ao,
fa ampienare’e hoe i Tsikeokeokey
ty fañiria’e, manahake o vilasio
t’ie tsy mb’ia tsy etsake,
fa atonto’e ama’e ze hene fifeheañe,
ampitoabore’e ama’e ze kila ondaty.
6 Aa vaho tsy songa handrambe
razan-drehake ama’e irezay,
handrabioñe aze an-titse,
ami’ty hoe: Hankàñe
amy nanontoñe ty tsy azey!
akore ty hatrela’ ty nilogologoa’e tsoake!
7 Tsy hitroatse amy zao hao
o mipay avak’ ama’oo?

tsy ho tsekake hao o mampinevenevetse azo?
ihe ho fikopaha'e.
8 Aa kanao nikopahe'o o kilakila'ondatio,
le ho volose' o sehanga' ondatio ka rehe;
ty amo lio' ondatio,
naho i heloke nanoañe amy taney,
naho amy rovaiy,
vaho amo hene mpimoneñeo.
9 Hekoheko amy mpikatramo vara
ho a i anjomba'eiy,
hañonjona'e ambone ey i kiboho'ey,
hivotsora'e ami'ty haozara' o ratio!
10 fa nikinia'o hasalarañe ty akiba'o
hañitoa'o t'indaty maro,
vaho amam-kakeo am-bata'o.
11 Hikoike boak'an-drindriñe ao ty vato,
hanoiñe aze i tsotsòke boak' an-katae aoy:
12 Hankàñe! ty mpamboatse rova an-dio,
ie mañoren-tanàñe an-tahiñe.
13 Inao! tsy IEHOVÀ' i Màroy
ty amokora' ondaty ho ami'ty afo,
naho ty amozaha' o fifeheañeo
ho an-kakoahañe.
14 Toe ho lifotse ty fahafohinañe
ty enge' IEHOVÀ ty tane toy,
manahake ty fañampoan-drano i riakey*.
15 Hankàñe ami'ty mampigenoke i rañe'ey,
ie izonjoña'e i zonjòñey, hampijik' aze am-bòreke, hisamba'e i heña'ey!
16 Àtsan-kasalaran-drehe fa tsy engeñe, minoma ka, ho zoeñe t'ie tsy sinavatse,
hitoliha' ty fitovim-pitàn-kavana' IEHOVÀ,
ho losore' ty hameñarañe ty enge'o.
17 Hanaroñ' azo ty fijoiañe i Libanone,
naho ty fanjamanañe biby
nampalý iareo;
ty ami'ty lio' ondatio naho
ty fampiantoañe i taney, i rovay,
vaho o mpimoneñe ao iabio.
18 Ino ty tombo' i sare-sokitsey,
ie tsinene ty nanao aze, sare nitranaheñe naho mpañoke vande;
t'ie iatoa' i mpandranjy azey
hanoe'e samposampo moañe?
19 Hekoheko ami'ty manao ty hoe
ami'ty hatae: Mañentea!
naho amy vato moañey: Miongaha!
Mahafanoro hao zay?
Hehe t'ie nohoñem-bolamena naho
volafoty, fe tsy aman-kofòke.
20 Añ'anjomba'e masiñe ao t'IEHOVÀ;
mianjìña añatrefa'e eo ry an-tane-bey atoy.

* 2:14 Ies 11:9

# 3

1 Ty fikora' i Kabakoke mpitoky,
nanoeñe añ'onin-tsabo*.
2 Ry IEHOVÀ, fa tsinanoko i nilañona'oy
vaho hemban-draho; sotraho o fitoloña'oo
ry IEHOVÀ, añivon'andro zao;
ampahafohino anteñateñan-tsa,
ihe viñetse mahatiahia fiferenaiñañe.
3 Niboak' amy Temane†
t'i Andriananañahare,
hirik'am-bohi-Parane‡ i Masiñey. Selah
nanitsike o likerañeo ty volonahe'e,
nandramban-tane ty enge'e.
4 Mireandreañe hoe i àndroy;
mitsipelatsipelatse ty fità'e;
mikafitse ao i haozara'ey.
5 Miaolo Aze ty angorosy,
mimilemiletse am-pandia'eo ty afo.
6 Ie mijohañe, manginikinike i taney,
Ie mivazoho, minevenevetse o fifeheañeo;
mikoromak' amy zao o vohitse nainai'eo,
mibokoke o haboañe haehaeo,
aze o lalañe haehae'eo.
7 Treako te misotry o kiboho' i Kosìo,
nitititikе o lamban-dalan-kiboho'
i Midianeo.
8 Ry IEHOVÀ, nañatsembe Azo hao o sakao?
Niviñera'o hao o torahañeo?
Nampiforoforo Azo hao i riakey?
t'ie miningitse soavala naho
saretem-pandrombahañe.
9 Zonjoñe'o ty taram-pale'o,
lilie'o ho liforen' ana-pale. Selà
Torie'o saka ty tane toy.
10 Nahaisak' azo o vohitseo le nihembañe, nanginahina i sorotombakey,
nampipoña-peo i lalekey,
vaho naonjo'e mb'añ'abo o taña'eo.
11 Nijihetse añ'akiba'e eo i àndroy
naho i volañey,
ami'ty filoeloea' o ana-pale'o
nihiririñe mb'eoo,
naho ami'ty fimilomiloran-defo'o.
12 Linialia'o an-kaviñerañe i taney;
trinabotrabo'o an-keloke o kilakila'ndatio.
13 Nionjomb'eo rehe handrombake ondati'oo,
hamotsotse i Noriza'oy;
dinemo'o ty loha-traño' o tsivokatseo,
nampikorendahe'o boak'
ami'ty manàntañe pak'am-bozo'e. Selà
14 Trinofa'o amo kobai'eo avao

* 3:1 Sigionote: onin-tsabo † 3:3 Temane: atimo, Afrika; fonitse ‡ 3:3 Parane: soa vinta; engeñe; fihaminañe

ty loha’ o mpifehe’eo,
o mpivovo amako hoe tangololahio;
ie miankahake hampibotseke
o mahaferenaiñeo añ’etake ao.
15 Linialia’o amo soavala’oo i riakey
amy fitoaboran-drano bey heneheney.
16 Tsinanoko le ninevenevetse ty troko,
nampitititititike o soñikoo
i fiarañanañañey,
nizilik’ an-taolako ao ty fimomohañe,
nihondrahondra raho am-pijohañako eo
handiñisako i andro hankàñey,
ty hitroara’ o haname anaio.
17 Aa ndra te tsy mamòñe i sakoañey,
naho tsy mamoa o vaheo;
mianto te mitoloñe amo oliveo,
tsy mamokatse haneñe o tetekeo,
aitoañe amo golobo’eo o añondrio,
vaho po-pirai-tròke ty an-jolok’ ao,
18 mbe hirebek’am’ IEHOVÀ nainai’e raho
handia-taroba aman’
Añaharem-pandrombahañ’ ahy.
19 Haozarako t’IEHOVÀ Andriananañahareko hanoe’e tombon-tsarake o tombokoo,
hanjotike an-kaboañe ey.
Ho amy talèn-tsakèray: anoeñe am-pititihañe.

# Tsefanià

1 Niheo amy Tsefanià* ana’ i Kosý ana’ i Gedalià† ana’ i Amarià‡, ana’ i Kizkià§
faha’ Iosià* ana’ i Amone, mpanjaka’ Iehoda ty tsara’ IEHOVÀ:
2 Toe ho faopaoheko ami’ty tarehe’
ty tane toy ze he’e, hoe t’IEHOVÀ.
3 Ho mongoreko ondatio naho o bibio;
ho fongoreko o voron-dindìñeo,
naho o fian-driakeo,
naho o vato mahatsikapio
mindre amo lo-tserekeo;
vaho haitoako an-tane atoy ondatio,
hoe t’IEHOVÀ. 4 Hatora-kitsiko ty tañako, am’ Iehoda naho
amo hene ondaty e Ierosalaimeo;
le haitoako ami’ty toetse toy
ty sisa’ i Baale,
naho ty tahina’ o mpisorom-
pahasiveo rekets’ o mpisoro’eo; 5 o mitalaho amy fifamorohotan-dindiñey an-
tafo’eoo;
o mitalaho naho mifanta am’ IEHOVÀ vaho mifanta amy Malkameo†;
6 o mitolike tsy mañorike IEHOVÀo;
naho o tsy mipay IEHOVÀ
vaho tsy mihalaly ama’eo. 7 Mianjiña am-piatrefa’ IEHOVÀ, Talè;
fa antitotse ty andro’ IEHOVÀ,
fa nihentseñe fisoroñañe
jabajaba t’IEHOVÀ,
vaho hene tinendre’e o hambarà’eo. 8 Aa ie tondroke ty androm-pisoroña’
IEHOVÀ, le ho liloveko o roandriañeo,
naho o ana-donakeo, vaho ze ondaty
misikin-damban’ambahiny iaby. 9 Amy andro zay ka, le ho fonga lafaeko
o mitsamboan-tokonañe
naho mampikobake ty anjomban-
talè’e am-pikatramoañe
vaho am-pamañahiañeo. 10 Ie amy andro zay, hoe t’IEHOVÀ:
Inay ty kaikaike boak’an-dalam-beim-pìañe ao,
naho ty fangololoihañe
amy efetse faharoey;
vaho fandrihindrihiñañe am-bohitse ey. 11 Mangoihoìa ry mpimone’ i Maktese‡,
fa mibalake iaby o mpanao balikeo,
fa naito iaby o niragorago volafotio. 12 Ie amy andro zay, le ho kodebèko
am-pailo t’Ierosalaime;
le ho liloveko ondaty miagarègañeo,
ie manao ty hoe:
Tsy hanao soa t’IEHOVÀ,
mbore tsy hanao raty. 13 Le ho kopaheñe o vara’eo,

* 1:1 Tsefanià: IEHOVÀ ro fitsolohako † 1:1 Gedalià: I Andrianañahare ro engeko ‡ 1:1 Amarià: hoe t’IEHOVÀ; havañona’ IEHOVÀ § 1:1 Kizkià: haozara’ IEHOVÀ * 1:1 Iosià: ty afo’ IEHOVÀ; ty fampijangaña’e
† 1:5 Malkame: ty samposampo’ o nte-Amoneo ‡ 1:11 Maktese: leoñe; goledoñe laleke

naho hangoakoake o akiba’eo;
eka, handrafetse anjomba iereo
fe tsy himoneña’e,
hambole tanem-bahe
f’ie tsy hinoñe amy divai’e. 14 Toe an-titotse ty andro
ra’elahi’ IEHOVÀ,
mitotoke vaho mihitrike,
ty feo mafaitse ty andro’ IEHOVÀ,
ty hampangoihoy i fanalolahiy. 15 Andron-kaviñerañe i andro zay,
andro kankàñe naho faloviloviañe,
andro famaopaohañe
naho fampikoahañe,
andron-kamoromoroñañe
naho migoboñe, andro milodolodo
vaho ieñe mangeoñe, 16 Andro’ i antsivay naho ty hazolava,
amo rova fatratseo
naho amo fijilovañ’ aboo. 17 Hampalovilovieko ondatio,
hijimenjimeña’e hoe goa,
amy te nandilatse am’ IEHOVÀ;
hikararàke hoe deboke ty lio’ iareo,
naho hoe forompotse o nofo’eo. 18 Tsy haharombake iareo
ty volafoti’ iareo ndra ty volamena,
amy andron-kaviñera’ IEHOVÀy,
fonga ho forototoe’ ty afom-pamarahia’e
ty tane toy;
toe hampijadoñe’e figadoñañe,
eka, figadoñan-kankàñe,
amo mpimoneñe an-tane atoio.

# 2

1 Mitontòna, Eka, mitontòna
ry fifeheañe tsy aman-kenatseo,
2 Ie mbe tsy mifetsake i zakay,
ie mihelañe hoe kafo’e i àndroy,
aolo’ te mivovo ama’ areo
i haviñerañe miforoforo’ IEHOVÀy,
aolo’ te tojeha ama’o
ty andron-kaviñera’ IEHOVÀ,
3 Tsoeho t’IEHOVÀ, ry mpirèk’ an-tane atoio, ry mpañorike o lili’eo;
paiao ty havantañañe,
kodebeo ty firèham-batañe,
hera hampipalireñe
amy andron-kaviñera’ IEHOVÀy.
4 Fa haforintseñe ty Azà,
naho hangoakoake t’i Askelone,
ho roaheñe an-tsipinde t’i Asdode,
vaho hombotañe t’i Ekrone.
5 Hankàñe amo mpimoneñe
añ’olon-driak’ añeo, o nte-Kereteo,
fa atreatre’ ty tsara’ IEHOVÀ;
ry Kanàne, tane’ o nte-Pilistio,
ie harotsako tsy ho amam-pimoneñe. 6 Le ho fiandrazañe, oboñobom-piarake,

naho golobon'añondry, i añ'olon-driakey.
7 Ho a i sehangan'anjomba' Iakobey
i olotsey, ie handrazeñe ama'e,
naho hirotse an-kiboho' i Askelone
te haleñe;
fa hitilike iareo t'Iehovà Andriananañahare' iareo,
vaho hampoli'e ty fandrohiza' iareo.
8 Fa tsinanoko ty ìnje' i Moabe,
naho ty natì' o ana' i Amoneo,
ie nañamavo ondatikoo,
naho niebotsebotse te nitare' iareo
ty nifaritsoha' iareoy.
9 Aa kanao velon-draho hoe t'Iehovà' i Màroy, t'i Andriananañahare' Israele,
le hanahake i Sedome t'i Moabe,
naho hoe Amorà o ana' i Amoneo,
ho monton-kisatse, naho kobon-tsira,
vaho hangoakoake nainai'e;
ho kopahe' ty sehanga' ondatikoo,
ho lovae' ty honka' o borizàkoo.
10 Zay ty hamaleañe iareo
ty amy firengevohañey
amy t'ie nañinje naho nitoabotse
am'ondati' Iehovà' i màroio.
11 Hampañeveñe iareo t'Iehovà,
ie hampidazidazitse ze fonga
ndrahare' ty tane toy.
Songa hitalaho ama'e
boak' an-toe'e eo ondatio naho ze hene tokonose'
o kilakila'ondatio.
12 Ry nte-Kosio:
ie ho zamanem-pibarako ka,
13 le hatora-kitsi'e mb'amo avaratse añeo
ty fità'e, le ho rotsahe'e t'i Asore;
vaho hampangoakoahe'e t'i Ninevè,
ie ho maike hoe ratraratra.
14 Handre añivo'e eo ze karazam-biby mpiray troke am-piandrazañe ey,
hitobòk' amo lahin-dala'eo
ty vorondolo naho ty lagoro;
ie hivolañe an-dalan-kede eo;
ho rotsake o tokona'eo fa holirañe
o mendoraveñe fitemerañeo.
15 Itoke i rova nirebeke
t'ie niaiñ'añ'oleñañey,
ie nitsakore an-troke ao ty hoe,
zaho avao, tsy aman'añ'ilako;
akore t'ie hoake henaneo,
toetse fandream-biby!
Sindre hikosìke naho hañelahela-fitàñe ze hiary eo.

## 3

1 Hankàñe amy maleotse naho tìvay,
i rova mamorekekey.
2 Tsy hinao'e i fiarañanañañey,

tsy rinambe'e i lafay,
tsy niatoa'e t'IEHOVÀ;
tsy niharinea'e t'i Andrianañahare.
3 Liona mitroñe o roandria ama'eo
amboa-hako o mpizaka'eo;
ndra loli'e tsy apo' iareo am-para' te maray.
4 Ondaty jagarigary naho mpikitroke o mpitoki'eo,
fa tiniva' o mpisoro'eo i miavakey,
naho nivalike amy Hàke*.
5 Vantañe añivo'e ao t'IEHOVÀ,
ie tsy mandilatse;
aboa'e an-kazavàñe boa-maraiñe
tsy milesa ty hatò'e;
fe tsy mete salatse ty mengoke.
6 Toe naitoako o fifeheañeo,
bangiñe o rova'eo;
nampikoaheko o lala'eo am-para' te
tsy amam-pañavelo ty ey;
rotsake o rova'eo, po-sehanga'e,
leo raike tsy mimoneñe ao.
7 Nanao ty hoe raho:
Va'e hañeveñe amako rehe?
handrambesa'o lafa,
soa tsy haitoañe o akiba'oo;
amy ze he'e nametsahako ama'ey!
fe nalisa iereo, naniva ze fonga sata'iareo.
8 Aa le liñiso raho, hoe t'IEHOVÀ,
ampara' i andro hanjehazehako anahareoy, fa hoe ty safiriko:
hatontoko o kilakila' ndatio,
havoriko o fifeheañeo
hampidoañako ty
habosehako miforoforo;
ho fonga forototoe' ty afom-pamarahiako ty tane toy.
9 Eka hampikotritriaheko am'ondatio ty soñi' iareo, soa te hene
hikanjy ty tahina' IEHOVÀ,
hitoroñe Aze am-pitraofañ'ina.
10 Boak' alafe' o saka' i Kosìo añe
ty hanesea' iareo o mpipay Ahikoo;
o anak' ampela' i nampiparaitahekoio ro ho banabanaeñe amako.
11 Amy andro zay, tsy hanalatse azo o fitoloña'oo, o niolà'o amakoo,
fa hasintako añivo'o ao o mpitreñe
am-pirengevohañeo,
ie tsy hibohaboha ka
amy vohiko miavakey.
12 Le hapoko añivo'o ao t'indaty
misotry naho rarake,
hitsoloke amy tahina' IEHOVÀy.
13 Tsy handilatse tsy handañitse
ty sengaha' Israele;
le tsy ho oniñe am-palie'e ao ty

* 3:4 Tsf 22:26, Lke 16:16

famelem-pamañahiañe:
fa hikama iereo vaho handre,
le tsy ho amam-pañembañe.
14 Misaboa, ry anak’ ampela’ i Tsione:
mipazaha ry Israele;
mifalea naho mirebeha an-kaampon-troke
ry anak’ ampela’ Ierosalaime.
15 Fa nafaha’ IEHOVÀ o nañozoñañ‘ azoo;
fa sinoi’e añe o rafelahi’oo;
IEHOVÀ ro mpanjaka’ Israele añivo’o ao;
tsy hahaonin-karatiañe ka rehe.
16 Amy sa zay, ho tseizeñe
am’ Ierosalaime ty hoe: Ko hembañe;
naho amy Tsione:
Ko mampigebam-pitàñe.
17 Añivo’o ao t’IEHOVÀ Andriananañahare’o, ie Fanalolahy maharombake
hirebek’ ama’o an-kafaleañe,
hianjiñe aman-koko;
handia taroba aman-tsabo.
18 Hatontoko o mihontoke
o sabadidam-pamantañañeoo,
o mpiama’o mivave i injeio.
19 Inao, ie tsatoke i andro zay
songa ho toloñeko o manindry azoo,
le ho rombaheko i mikoletray,
naho hatontoko i niroaheñey,
vaho hafoteko ho engeñe naho tahinañe an-tane atoy ty fisalara’ iareo.
20 Hampolieko
amy andro zay nahareo,
amy sa anontonako anahareoy,
Toe hanoako tahinañe naho engeñe
añivo ze hene ondati’ty tane toy,
naho ampoliko añatrefam-pihaino’ areo, ty fandrohizañe anahareo,
hoe t’IEHOVÀ.

# Kagày

1 Tamy taom-paha-roe' i Dariavese* mpanjakay, amy volam-paha-eneñey, amy
valoha' i volañey, le niheo amy Zerobabele† ana' i Sealtiele‡ mpifehe' Iehodà
naho am' Iehosoa§ ana' Iehotsadake* mpisorombey ty tsara' IEHOVÀ añamy Kagày†
mpitokiy, nanao ty ti-hoe:
2 Hoe ty nafè' IEHOVÀ' i Màroy,
Manao ty hoe ondaty retoañe, Mboe tsy tondroke i àndroy, ty andro hamboareñe ty
anjomba' IEHOVÀ. 3 Niheo eo amy zao añamy Kagày mpitokiy ty tsara' IEHOVÀ nanao
ty hoe: 4 Sam-piagaregaña' areo amo akiba' areo soa tinemetseo hao henaneo, ie
mangoakoake ty anjomba toy? 5 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ' i màroy, Itsakoreo o sata'
areoo: 6 Bey ty tinongi' areo fa kede ty nivokareñe; mikama fe tsy ànjañe; minoñe
fe tsy etsake; misikiñe fe tsy mafana; vaho mandrambe tambe an-koroñe loadoake
ty mpitoroñe. 7 Hoe ty nafè' IEHOVÀ' i Màroy, Vetsevetseo o sata' areoo.
8 Mionjona mb'amy vohitsey mb'eo naho añandeso hatae le amboaro i anjombay
hahafale ahy, hahazoako engeñe, hoe t'IEHOVÀ. 9 Mipay maro nahareo fe tsy
ampeampe ty oniñe; ie endese' areo moly le tiofeko añe. Akore arè? hoe t'IEHOVÀ' i
Màroy: Toe napoke ho kòake i kivohokoy, ie songa milay mb'añ'akiba'e mb'eo. 10 Toe
ie ty añajà' i likerañey zono, naho itambozora' i taney havokarañe. 11 Nitokavako
hasalikoañe ty tane toy naho o vohitseo naho o vare-boleo naho o divaio naho o
menakeo naho o famokara' ty tane toio, naho ondatio naho o hareo vaho ze fonga
fitoloñam-pitàñe.
12 Aa le jinanji' i Zerobabele, ana' i Sealtiele, naho Iehosoa, ana' Iehotsadake,
mpisorom-bey, naho ze sehanga' ondaty iaby ty fiarañanaña' IEHOVÀ Andri-
anañahare' iareo naho o tsara naboa' i Kagày mpitoky, namantoha' IEHOVÀ
Andrianañahare' iareoo, vaho nañeveñe am' IEHOVÀ ondatio. 13 Le nitaroñe' i Kagày
ira' IEHOVÀ am' ondatio ty nafe' IEHOVÀ: Ama' areo raho, hoe t'IEHOVÀ. 14 Nitroboe'
IEHOVÀ amy zao ty arofo' i Zerobabele, ana' i Sealtiele, mpifele' Iehodà naho ty
arofo' Iehosoa, ana' Iehotsadake, mpisorom-bey naho o tro' ondaty sehanga'e iabio,
Vaho niheo mb'eo nitoloñe amy anjomba' IEHOVÀ' i Màroy, Andrianañahare' iareoy,
15 amy andro faha-roapolo-efats-ambi' i volam-pah-ene' i taom-paharoe' i Dariavese
mpanjakaiy.

## 2

1 Niheo amy Kagày mpitokiy amy volam-pahafitoy, amy andro faha-roapolo-raik'
ambi' i volañeiy, ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe: 2 anò ty hoe amy Zerobabele,
ana' i Sealtiele, naho am' Iehosoa, ana' Iehotsadake, mpisorom-bey, vaho amo
sehanga'ondatio: 3 Ia ty honka ama' areo nahaisake ty anjomba toy amy enge'e
taoloy? akore ty fahaoniña' areo aze henanekeo? Hera tsy vente'e am-pihaino'
areo? 4 Fe mihaozara henane zao ry Zerobabele, hoe t'IEHOVÀ; le mihafatrara
ry Iehosoa, ana' Iehotsadake, mpisorom-bey, naho mihaozara ry hene ondati' o
taneo, hoe t'IEHOVÀ vaho mifanehafa, fa himbaeko, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy. 5 Kanao
nampijadoñeko i tsara nifañinàko ama' areo t'ie niavotse i Mitsraimey te mimoneñe
ama' areo ao ty Troko: le ko mirevendreveñe. 6 Fa hoe ty nafè' IEHOVÀ' i Màroy:
Indraik' avao, le anianike te hozoñozoñeko i likerañey naho ty tane toy, naho i

* **1:1** Dareavase: mampaharendre-batañe † **1:1** Zerobabele: renetane e Bavele ‡ **1:1** Sealtiele: hinalaly ama'E, he natolo'E § **1:1** Iehosoa: mpandrombake; mpamotsotse * **1:1** Iehotsadake: natroatse; i mpihevey † **1:1** Kagay; Sabadidake; takataka miavake

riakey vaho o tamboho maikeo; [7] le hampiezeñezeñeko o kilakila' ondatio, naho
homb'atoy iaby ze vara soa' o fifeheañeo vaho hatsafeko engeñe ty anjomba toy, hoe
t'IEHOVÀ' i Màroy. [8] Ahiko o volafotio, Ahiko ka o volamènao, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
[9] Handikoatse ty enge' i taoloy ty enge' i anjomba manonjohiy, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy;
vaho hampanintsiñeko ty toetse toy, hoe ty nafè' IEHOVÀ' i Màroy.

[10] Niheo amy Kagày mpitoky amy faha-roapolo-efats'ambi' i volam-paha-sivey, amy
taom-paha-roe' i Dariavesey ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe: [11] Hoe ty nafè' IEHOVÀ' i
Màroy: Añontaneo o mpisoroñeo ty amy Hàke, ty hoe: [12] Ie minday hena navaheñe
an-kitambe'e ao vaho mioza ami'ty mofo ndra ampemba ndra divay ndra menake
ndra amy ze atao mahakama i kitambey, hiavake hao re? Tsie, hoe ty natoi' o
mpisoroñeo. [13] Le hoe t'i Kagày: Aa ie tsapae' ty nileoren-dolo i raha rezay, halio hao
re? Haleotse re, hoe ty natoi' o mpisoroñeo. [14] Nanoiñe amy zao t'i Kagày nanao ty
hoe: Zay ka ondaty retoañe, naho ty fifeheañe miatrek' ahy, hoe t'IEHOVÀ: hambañe
ama'e ka o satam-pità' iareo iabio; vaho maleotse o engae' iereoo. [15] Ie henane zao,
haraharao: taolo' ty nampiningirañe ty vato ambone' ty vato añ' anjomba' IEHOVÀ
ao, [16] ie henane zay naho niheo-mb'am-pitoboroñañe aman-droapolo ondatio, folo
avao ty nitendreke; ie nimb'am-pipiritañe mb'eo hañakara'e fitovy limampolo am-
pipiritañe ao, le roa-polo avao ty tao; [17] linafako ty voreke o satam-pità' areoo,
naho tromambo, vaho havandra; fe tsy nitolike, hoe t'IEHOVÀ: [18] Ehe, vetsevetseo
henane zao, mifototse amy andro faha-roapolo-efats' ambi' i volam-paha-siveiy, i
andro nañoreñañe ty mananta' i anjomba' IEHOVÀiy—itsakoreo; [19] ke mbe aman-
tabiry ty an-driha ao? Eka, mboe tsy namoa o vaheo, o sakoañeo, o raketao, naho o
oliveo—fe henane zao, ho tahieko nahareo.

[20] Niheo amy Kagày fañindroe'e amy andro faha-roapolo-efats'ambi' i volañeiy
ty tsara' IEHOVÀ nanao ty hoe: 21Saontsio amy Zerobabele, mpanjaka' Iehodà
ty hoe: hampiezeñezeñeko o likerañeo naho ty tane toy; [21] havalitsingoreko ty
fiambesa' o fifeheañeo naho harotsako ty haozaram-pifeleha' o kilakila' ndatio*
[22] vaho hahohoko o sareteo rekets' o mijoñe ama'eo; sindre hikorovoke o soavalao
rekets' o mpiningitseo, songa am-pibaran-dongo'e. [23] Ie amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ'
i Màroy, ho rambeseko rehe ry Zerobabele, mpitoroko, toe ana' i Sealtiele, hoe
t'IEHOVÀ, hanoeko bangem-pitomboke; toe ihe ty jinoboko, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.

* **2:21** Dan 2:44

# Zekarià

1 Niheo amy Zekarià* mpitoky ana' i Berekià† ana'Idò‡ amy volam-paha-valo' i
taom-paha-roe' i Dariavese mpanjakaiy ty tsara' IEHOVÀ manao ty hoe: 2 Niviñetse
aman-droae' areo t'IEHOVÀ. 3 Aa le isaontsio ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy: Mimpolia
amako, hoe ty nafè' IEHOVÀ' i Màroy, vaho himpoliako ka, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
4 Ko mitsikombe an-droae' areo, o nitseize' o mpitoky taoloo ty hoe: Hoe t'IEHOVÀ'
i Màroy: Mifotera amo sata rati' areoo henane zao, naho amo fitoloña' areo ratio;
f'ie tsy nijanjiñe, tsy nañaoñe ahy, hoe t'IEHOVÀ. 5 O roae' areoo! aia iereo? naho
o mpitokio, veloñe nainai'e hao? 6 Fa o volakoo naho o fañèko nafantoko amo
mpitoky mpitorokoo, tsy ie hao ty nahatakatse o roae' areoo? ie nitolike nanao ty
hoe: Toe i nisafirie' IEHOVÀ' i Màroy hanoañe ty amo sata'aio naho o fitoloña'aio zay,
ty nafetsake ama'ay.
7 Ie amy andro faha-roapolo-efats' ambi' i volam-paha-folo-raik'ambiy, i volan-
katsiha an-taom-paha-roe' i Dariavesey, le niheo amy Zekarià mpitoky ana' i Berekià,
ana' Idò ty tsara i' IEHOVÀ, manao ty hoe: 8 Niaroñaroñeko amy haleñey, te ingo
t'indaty niningitse soavala mena, nijohañe ambane' ty borodoke§ an-goledoñe ao,
naho amboho'e ty soavala mena naho ty mavo naho ty foty. 9 Le hoe raho, Hoke ry
Talè, Inoñe o reroañeo? Aa hoe i ìrake nisaontsy amakoy, Hatoroko azo ty lengo'
iretoañe. 10 Nanoiñe amy zao indaty nijohañe amo borodokeoy, ami'ty hoe: Ie o
nirahe' IEHOVÀ hañavelo mb'eo mb'eo an-tane atoio. 11 Vinale' iareo ty anjeli' IEHOVÀ
nijohañe amo borodokeo ami'ty hoe: Nanjotike mb'eo mb'eo amy taney zahay, le
ingo, mipendreñe i taney vaho mitofa. 12 Nanoiñe amy zao ty anjeli' IEHOVÀ, nanao
ty hoe: Ry IEHOVÀ' i Màroy, ombia te ho ferenaiñeñe t'Ierosalaime* naho o rova'
Iehodao, o nitorifiha'o i fitompolo taoñe rezaio? 13 Tinoi'IEHOVÀ tsara soa i anjely
nisaontsy amakoy, tsaran-kanintsiñe. 14 Aa le hoe ty natoi' i anjely nifanaontsy
amakoy, taroño ty hoe, Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy; farahieko t'Ierosalaime naho i Tsione
am-parahy ra'elahy. 15 Loho nahabosek' ahy o kilakila'ondaty miaiñañoleñañeo; ie
ni-bosebosehako avao, fe nindràe' iareo i hasilofeñey. 16 Aa le hoe ty nafè' IEHOVÀ,
Mimpoly mb'e Ierosalaime am-piferenaiñan-draho; haoreko ao i kivohokoy, hoe
t'IEHOVÀ' i Màroy, vaho ho kozozoteñe am' Ierosalaime ty taly. 17 Taroño indraike, ty
hoe: Hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, Hitòbake havokarañe indraike i rovakoy; naho mbe ho
tretreze' IEHOVÀ t'i Tsione†, vaho mbe ho joboñe'e‡ t'Ierosalaime.

## 2

1 Nampiandraeko maso le nahatrea te ingo ty tsifa efatse. 2 Le hoe raho amy anjely
nifanaontsy amakoy, Inoñ' o raha zaoo? Le hoe re amako: I tsifa nampiparaitake
Iehoda naho Israele vaho Ierosalaime rey. 3 Natoro' IEHOVÀ ahy ty mpandranjy efatse.
4 Le hoe ty asako: Hitoloñe inoñe t'ie nitotsak' atoy? Le hoe ty tinaro'e: O tsifa retiañe
ty nampivarakaike Iehoda kanao leo ondaty raike tsy nahaongake ty añambone'e; le
nivotrak' atoy i retiañe hañembañe iareo naho handretsake o tsifa' o kilakila' ondaty
nampitroatse ty tsifa'e an-tane' Iehoda hampiparatsàke azeo.
5 Nampiandraeko maso le nahatrea te ingo t'indaty minday talim-panjeheañe am-
pità'e. 6 Le hoe raho: Homb'aia v'iheo? Le hoe re amako: Hanjehe Ierosalaime,

* 1:1 Zekarià (Z'eekariaho): fitiahia' IEHOVÀ † 1:1 Berekià: mavesatse; amam-bente'e ‡ 1:1 Idò: mpiama'e; ozatse; fandrengeañe § 1:8 Heb: Hadase: karazan-katae * 1:12 Ierosalaime: hazavan-arofo, aroñaroñe † 1:17 Tsione: vatolahy fitiahiañe; toetse masy ‡ 1:17 Zek 2:12; Oni: Ies 14:1

hahaisake ty am-pohe’e naho ty an-dava’e. 7 Aa le ingo nionjom-beo i anjely nisaontsy
amakoy, vaho niakatse mb’eo ka ty anjely raike hifanalaka ama’e, 8 le nanoe’e ty hoe:
Mihitrifa, saontsio ty hoe amo ajalahio: Himoneñe tsy aman-kijoly t’Ierosalaime ty
ami’ty hatsifotofoto’ ondaty naho añombe ama’e. 9 Amy te, Zaho, hoe t’Iehovà ty ho
kijolin’ afo ama’e hañarikatok’ aze; Zaho ty ho enge’e añivo’e ao.
10 Hoke! mirifata boak’ an-tane avaratse añe, hoe t’Iehovà; fa naboeleko añe
manahake o tiok’efa’ i likerañeio nahareo, hoe t’Iehovà. 11 Hoke! ry Tsione,
mibolitiora ry mpimoneñe amy anak’ ampela’ i Baveley; 12 fa hoe ty nafè’ Iehovà’
i Màro, nañirak’ ahy hitoha engeñe amo fifeheañe nikopak’ azoo: Toe mipaoke ty
saintem-pihainoko* ze mitsapa anahareo. 13 Ingo te hahelahelako ambone’ iereo ty
tañako, le ho fikopaha’ o nitoroñe iareoo; vaho ho fohi’o te Iehovà ro nañirak’ ahy.
14 Misaboa naho mirebeha, ry anak’ ampela’ i Tsione; fa ingo ho avy raho himoneñe
añivo’o ao, hoe t’Iehovà. 15 Maro o fifeheañe hirekets’ am’ Iehovà amy andro zaio
ty ho ondatiko†, le himoneñe añivo’o ao raho; vaho hapota’o te Iehovà’ i Maroy ro
nañirak’ ahy. 16 Ho rambese’ Iehovà t’Iehoda ho anjara’e amy tane miavakey vaho
ho joboñe’e indraike t’Ierosalaime‡. 17 Mianjiña, ze kila nofotse, añatrefa’ Iehovà, ie
fa nivañoñe naho niavotse i akiba’e miavakey.

# 3

1 Natoro’e ahy amy zao t’Iehosoa mpisorom-bey nijohañe aolo’ i anjeli’ Iehovày
eo, naho i mpañinjey nijagarodoñe an-kavana’e eo hanisý aze. 2 Le hoe t’Iehovà
amy mpañinjey: Mañendak’ azo t’Iehovà, ty mpañinje tia. Eka, itrevoha’ Iehovà
nijoboñe Ierosalaime; tsy foroa nitsikaoheñ’ añ’afo ao hao re? 3 Ie amy zao, nisikin-
damba maleotse t’Iehosoa, ie nijohañe añatrefa’ i anjeliy eo. 4 Aa le nisaontsie’e amo
nijohañe añ’atrefa’eo ty hoe: Korendaho ama’e o lamba malotoo. Le hoe ty nanoe’e:
Hehe te nafahako ama’o o hakeo’oo, vaho haombeako saroñe mireparepa. 5 Le hoe
ty asako: Ehe aombeo sabaka mikotritriake ty añambone’e eo, le nisabakae’ iereo ty
añambone’e vaho nampisikine’ iareo, le nijohañe ey i anjeli’ Iehovày.
6 Hinatahata’ i anjeli’ Iehovày t’Iehosoa ami’ty hoe: 7 Hoe t’Iehovà’ i Màroy:
Naho añaveloa’o o lalakoo naho ambena’o o andiliakoo, le ho zakae’o i kivohokoy
naho halahalae’o o kiririsakoo vaho hampidadaeko amo mijohanjohañe etoañeo.
8 Mijanjiña arè ry Iehosoa mpisorom-bey naho ondaty miambesatse añatrefa’oo; fa
toe viloñe ondaty reo; amy te ingo hampionjoneko mb’eo ty Tora-mionjo*, mpitoroko.
9 Heheke o vato napoko añatrefa’ Iehosoao; maso fito ro ami’ty vato raike; ho sokireko
ama’e ty sokitse, hoe t’Iehovà’ i Màroy: vaho hahako ami’ty andro raike ty tahi’ i
taney. 10 Ie amy andro zay, hoe t’Iehovà, le hifampikanjy an-drañetse ondatio, songa
ambane’ ty vahe’e naho ambane’ i sakoa’ey.

# 4

1 Nibalik’ amy zao i anjely nisaontsy amakoy le nitsekafe’e, manahake ty
fampivañonañe ‘ndaty miròtse. 2 Le hoe re amako, Ino o oni’oo? Le hoe ty asako:
Mahatrea fitàm-pailo volamena ki’e, reketse ty korobo ambone’e eo, ama’e ty failo
fito; fito ty toiô’e, eka fito mb’amy failo fito ambone’e rey; 3 naho hatae olive roe
ty añ’ila’e, raike ankavana’ i koroboy, le raike ankavia’e. 4 Nañontaneako i anjely
nifanaontsy amakoy, ty hoe: Inoñe o reroañeo, ry talèko? 5 Le nanoiñe ahy i anjely
nifanaontsy amakoy, ami’ty hoe: Tsy apota’o hao o retiañeo? Le hoe raho: Aiy!
talèko! 6 Le hoe ty navale’ i anjeliy amako: Ty tsara’ Iehovà amy Zerobabele, manao
ty hoe: Tsy an-kafatrarañe, tsy an-kaozarañe, fa an-Troko hoe t’Iehovà’ i Màroy. 7 Ia

* **2:12** Its 32:10 † **2:15** Ies 14:1, 56:6-8, 60:3, Iek 47:22-23, Jao 10:16, Top 15:17 ‡ **2:16** Zek 1:17 * **3:8** Ies 4:2, 11:1, Iir 23:5, 33:15, Zek 6:12

v’iheo, ry haboañe aboo? ie aolo’ i Zerobabele eo ro hinjare tane-mira? le hendese’e
boak’ ao ty vato-fampikatohañe, hikoikoike ty hoe, Fañisohañe, fañisohañe. 8 Nimb’
amako indraike ty tsara’ IEHOVÀ nanao ty hoe: 9 Nampipetake o mananta’ ty anjomba
toio o fità’ i Zerobabeleo, le o fità’eo ka ro hamonitse aze; vaho ho fohi’o te nañirak’
ahy ama’ areo t’IEHOVÀ’ i MÀroy. 10 Ia ty nanirìka ty andron-draha pilipito’e? Ho isa’
iareo an-kafaleañe o talim-pahity am-pità’ i Zerobabeleo, toe o fito retoañe, o fihaino’
IEHOVÀ manitsike ty tane toio mb’eo mb’eo.

11 Le nañontaneako ty hoe: Inoñ’ o hatae olive ankavana o fitàm-pailo naho anka-
via’eo? 12 Tinovoko fañindroe’e, ty hoe: Ino o singan’ olive roe añ’ila’ i toiò volamena
roe rey, mañiliñe menake volamena boak’ ama’eo? 13 Natoi’e ami’ty hoe: Tsy fohi’o
hao t’ie inoñe? Le hoe ty natoiko: Aiy! ry taleko. 14 Le hoe re tamako: Ie i roe
norizañe ami'ty menake rey*: ie mijohañe añ’ila’ i Talè’ ty tane toy eo.

# 5

1 Nampiandraeko maso indraike vaho nahatrea te ingo ty boke-peleke mitiliñe 2 Le
hoe re tamako: Ino o oni’oo? le hoe ty natoiko: Mahatrea boke-peleke mitiliñe;
roapolo kiho ty andava’e, naho folo kiho ty ampohe’e. 3 Aa le hoe re tamako: Zay ty
fàtse mandrambañe ty tarehe’ ty tane toy; le songa ho soiheñe añe ze mampikametse
ty amy sinokitse amy lafe’e raikey, vaho fonga ho faoheñe añe ze mifantafanta, ie i
sinokitse amy lafe’e ila’ey. 4 Ampionjoneko mb’eo, hoe t’IEHOVÀ, hiziliha’e ty kiboho’
i mpikizoy naho ty kivoho’ i mpifanta vìlañe ami’ty añarakoy; ie hialeñe amy akibay
le habotse’e rekets’ o hatae’eo naho o vato’eo.

5 Aa le niavotse mb’eo i anjely nifanaontsy amakoy, nanao amako ty hoe:
Ampiandrao henaneo o fihaino’oo, le mahaisaha, he ino o miheo mb’eoo.

6 Le hoe raho: Ino zao? Le hoe re: Ie i fañaranañe mionjom-beoy; le tinovo’e ty
hoe: Ie ty vinta’ iareo an-tane toy iaby—

7 le ingo te nampionjoneñe ty lombo’e fìrake—vaho amy fañaranañey ty rakemba
miambesatse. 8 Le hoe re: Zao o hatsivokarañeo. Le naronje’e am-po’ i fañaranañey
ao re, vaho nafetsa’e am-bava’e eo i lombo’e firakey.

9 Nampiandraeko maso amy zao naho nahatrea te ingo nimb’eo ty rakemba roe, i
tiokey amo ela’eo, ie aman’ elan-tsama, vaho nongaha’ iareo añivo’ ty tane toy naho
i likerañey i fañaranañey.

10 Aa le hoe ty asako amy anjely nisaontsy amakoy: Hendese’ iereo aia i
fañaranañey?

11 Le hoe re tamako: Hamboara’ iereo akiba an-tane Sinare añe; ie hinalankañe
zay le hapok’ an-toe’e eo.

# 6

1 Nampiandraeko indraike o masokoo le nitalake vaho inge te nimb’eo ty sarete
efatse boak’ an-jeba’ ty vohitse roe; haboan-torisìke i vohitse rey. 2 Soavala mena ty
tamy sarete valoha’ey, naho soavala mainte ty tamy sarete faharoey, 3 naho soavala
foty ty tamy sarete fahateloy vaho soavala maremboke maozatse ty tamy sarete
fah’ efatsey. 4 Aa le hoe ty asako tamy anjely nisaontsy amakoy: Ino o raha reo,
talèko? 5 Le hoe ty natoi’ i anjeliy ahy: Tion-dikerañe efatse mionjomb’eo, boak’ amy
nijohaña’e aolo’ i Talè’ ty tane-bey toiy. 6 Mionjoñe mb’ avaratse añe o an-tsoavala
mainteo; manonjohy iareo o fotio; vaho mb’ atimo mb’eo o maroembokeo. 7 Nionjoñe
i maozatse rey nipay hijelanjelañe an-tane atoy; le hoe re: Akia, mikariokarioha
mb’eo mb’eo an-tane atoy. Aa le nihelahela nanitsike ty tane toy iereo. 8 Nikoik’ ahy

* **4:14** Zek 4:3,11, Mat 17:3-4, Ben 11:3-10

re nanao ty hoe: Hehe te nampanintsiñe ty troko an-tane avaratsey o mb' an-tane avaratseo.

9 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: 10 Angalao amo mirohio, amo boake
Kelday* naho e Tobià† naho e Iedaiào‡, amo boake Bavele añeo; le amy àndroy
avao, miziliha an-kiboho' Iosià§ ana' i Tsefanià*; 11 naho andrambeso volafoty naho
volamena vaho mitsenea sabaka fanjàka, le aombeo añambone' Iehosoa mpisorom-
bey ana' Iehozadake; 12 le isaontsio ty hoe: Hoe ty nafè' IEHOVÀ' I MÀroy: Ingo t'indaty
atao ty hoe Toramionjo†: handrevake boak' an-toe'ey; ie ty hamboatse ty anjomba'
IEHOVÀ; 13 eka! ie ty handranjy ty kivoho' IEHOVÀ; naho ie ty hivave ty enge'e, naho
hiambesatse vaho hifehe am-piambesa'e eo, ho mpisoroñe amy fiambesa'ey; naho
añivo' i roroey ty fanoroan-kanintsiñe. 14 Ho faniahiañe añ' anjomba' IEHOVÀ ao
ho a' i Keleme‡, naho i Tobià, naho Iedaià, vaho i Kene§ ana' i Tsefanià, i sabakay.
15 Homb' eo ka o tsietoitane añeo hamboatse añ' anjomba' IEHOVÀ ao, vaho ho fohi'
areo te nirahe' IEHOVÀ' I MÀroy ama' areo raho. Ho tondroke zay naho orihe' areo ty
fiarañanaña' IEHOVÀ Andrianañahare'areo.

# 7

1 Aa ie tan-taom-paha-efa' i Dariavese mpanjakay, le niheo amy Zekarià ty tsara'
IEHOVÀ amy andro fahefa' ty volam-pahasivey, toe Safary; 2 Ie nampañitrifeñe
añ' anjomba' IEHOVÀ ao t'i Sarezere* naho i Regemeleke† rekets' o mpiama'eo,
3 ninday saontsy amo mpisoroñe añ' anjomba' IEHOVÀ' I MAROio, naho amo mpitokio,
ami'ty hoe: Handala hao raho amy volam-paha-limey, naho hilie-batañe manahake
i nanoeko amy taoñe maro rezaiy? 4 Aa le niheo amako ty tsara' IEHOVÀ nanao
ty hoe: 5 Saontsio ze hene' ondati' i taney naho o mpisoroñeo, ty hoe: Ie nililitse
naho nandala amy volam-paha-limey naho amy volam-paha-fitoy, i fitompolo taoñe
rezay, Zaho hao ty nililira' areo; Toe amako hao? 6 Ie mikama, naho minoñe, tsy ho
anahareo hao ty fikama' areo naho ho anahareo ty finoma' areo? 7 Tsy zay hao o tsara
tsinei' IEHOVÀ añamo mpitoky taoloo, ie nimoneñañe t'Ierosalaime naho niraorao, ie
naho o rova' nañohok' azeo, vaho nitobohañe ka i Atimoy naho i Vavataney?

8 Niheo amy Zekarià ty tsara' IEHOVÀ, nanao ty hoe: 9 Hoe ty nitsarà' IEHOVÀ'
I MÀroy: Manoa zaka-to naho songa mifampitretreza naho mifanao miroahalahy;
10 ko mamorekeke vantotse, ndra bode-rae, ndra renetane, ndra o rarakeo: ko
mifampikinia an-troke. 11 F'ie nifoneñe tsy hañaoñe, naho nampitolike soroke
mandietse, vaho nanjenjen-dravembia tsy hitsanoñe; 12 mbore, nanoe' iereo vato
mizitse ty tro' iareo tsy mone hahajanjiñe i Hake, naho o tsara nampisangitrife'
IEHOVÀ am-pità' o mpitoky taoloo añamy Arofo'ey; aa le nifetsake eo ty haviñerañe
jabajaba' IEHOVÀ' I MÀroy. 13 Ie amy zao, kanao nikanjy re naho tsy nañaoñe iereo, le
hikanjy ka iereo vaho tsy ho haoñeko, hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy; 14 le nampibaratsiahako
an-tangololahy iereo mb'amo kilakila ondaty tsy apota' iareoo. Le nihòake i taney
nenga' iereo, naho leo raike tsy nihelohelo ama'e; ie nampangoakoàhe' iereo i tane
fanjàkay.

* 6:10 Kelday: ty voatse toy; hereke † 6:10 Tobià: Soa t'i Talè ‡ 6:10 Iedaià: ty fita' IEHOVÀ; iantofañe t' IEHOVÀ § 6:10 Iosià: ty afo' IEHOVÀ; mirehetse t' IEHOVÀ * 6:10 Tsefania: Fietahako t' IEHOVÀ † 6:12 Zek 3:8 ‡ 6:14 Keleme: mañinofy; mihajangañe § 6:14 Kene: falalañe; fanintsiñañe; fitofañe * 7:2 Sarezere: Roandriañ' Afo † 7:2 Rege-meleke: Rañe' i mpanjakay

# 8

1 Inao ty nitsara' IEHOVÀ' I MÀroy: 2 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Farahieko ty Tsione, am-
parahy miloroloro, vaho farahieko am-pifombo mandofiry. 3 Hoe t'IEHOVÀ: Himpoly
mb'e Tsione mb'eo raho vaho himoneñako ty añivo' Ierosalaime ao; le hatao ty
hoe rovan-katò t'Ierosalaime; naho Haboañe Miavake ty vohi' IEHOVÀ' I MÀroy.
4 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Mbe ho tendreke te hiambesatse an-tamea' Ierosalaime
ao o androanavio naho o rakemba beio, songa mitoñoñe kobay am-pità'e ty amy
ha'antera'ey. 5 Le ho lifotse ajalahy naho ampela o kiririsa' i rovaio mihisa an-
kiririsan-drova ao. 6 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Aa kanao fanjàka am-pihaino' o sehanga'
ondaty retoañeo zay amy àndroy, tsy ho fanjàka a' masoko ka hao? hoe t'IEHOVÀ' I
MÀroy. 7 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Oniño te ho rombaheko amy tane atiñanañe añey
naho amy tane ahandrefañe añey ondatikoo; 8 hampoliko mb'etoa, le himoneña'
iareo ty añivo' Ierosalaime ao; h'ondatiko iereo vaho ho Andrianañahare' iareo an-
katò naho an-kavantañan-draho.
9 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Haozaro o fità' areoo, ry mahajanjiñe o tsaraem-palie'
o mpitoky tañ' andro nampijadoñañe ty fahan' anjomba' IEHOVÀ' I MÀroy amo
andro rezaoo, soa te hamboareñe i kivohoy. 10 Ie taolo' i andro rezay, tsy teo ty
nañarama' ondaty, tsy teo ty nampitoloñe hàre; vaho tsy nierañerañe ty niavotse
ndra ty nimoake ty amy faloviloviañey; ie nampifandiereko an-drañe'e ondatio.
11 F'ie henane zao tsy hanahake tamo andro taoloo amo sehanga' ondaty retoañe, hoe
t'IEHOVÀ' I MÀroy. 12 Fa hanintsiñe o tabirio, hamokatse o vaheo, hakare' i taney o
nampitomboe'eo naho hatolo' i likerañey o zono'eo; vaho hampandovàko ty sehanga'
ondatikoo i hene rezay. 13 Ho tondrok' amy zay te manahake ty naha-fokom-patse
amo kilakila' ondatio nahareo, ry anjomba' Iehodà naho ry anjomba' Israeleo, t'ie
ho rombaheko, le ho fitahiañe; ko hembañe fa hafatraro o fità'oo.
14 Aa hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Hambañe amy nisafiriako hanao raty ama' areoy,
ie nanigìk' ahy o rae' areoo, hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy, vaho tsy niheveako, 15 ty
nisafirieko henane zao ty hanao soa am' Ierosalaime naho amy akiba' Iehoday: ko
mangebahebake. 16 Inao o hanoe' areoo: songa mifanaontsia an-katò; mizakà an-
kavantañañe naho am-pilongoañe an-dalambei' areo eo; 17 ko mifampikilily añ'arofo;
ko inae' areo ty fanta vilañe; fa hejeko iaby zay, hoe t'IEHOVÀ.
18 Niheo amako ty tsara' IEHOVÀ' I MÀroy, nanao ty hoe: 19 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy:
Ty lilitse amy volam-paha-efatsey, naho ty lilitse amy faha-limey, naho ty lilitse
amy faha-fitoy, vaho ty lilitse amy faha-foloy, le ho firebehañe naho haravoañe
vaho famantañan-kafaleañe añ'akiba' Iehodà ao; aa le kokò ty hatò naho ty
fifampilongoañe.
20 Hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy: Ho tondroke te hivotrake eo ondaty mitozantozañeo naho
ty mpimoneñe boak' an-drova maro; 21 le hitotsak' ami'ty raike o mpimoneñe ami'ty
ila'eo, hanao ty hoe: Antao hipay falalàñe am' IEHOVÀ naho hitsoeke IEHOVÀ' I MÀroy;
homb'eo ka raho. 22 Toe maro t'indaty, naho fifeheañe maozatse ty homb' atoy hipay
IEHOVÀ' I MÀroy e Ierosalaime ao, naho hihalaly fañisohañe am' IEHOVÀ. 23 Hoe
t'IEHOVÀ' I MÀroy: ie amy andro zay, le ho rambese' t'indaty folo boak' amy ze hene'
fisaontsi' o kilalila' ondatio, eka ho fihine' iereo ty saro' ty nte-Iehodà, hanao ty hoe:
Hindre ama'o zahay fa jinanji'ay te mitraok'ama' areo t'i Andrianañahare*.

# 9

1 Fetse; miatrek' an-tane' i Hadrake* mpitofa e Damesèke, ty tsara' IEHOVÀ;
(mitolik' am' IEHOVÀ ty fihaino' ondatio
naho ze hene' fifokoa'Israele;)

* 8:23 Jao 2:22 * 9:1 Hadrake: lohan-defo; fale te tretreza'e

2 naho amy Kamate mpiefetse ama'ey;
naho amy Tsore†
vaho amy Tsidone‡,
amy t'ie mahihitse.
3 Toe namboatse rova fatratse t'i Tsore
le nampitoabotse volafoty hoe deboke naho volamena ki'e hoe fotak' an-damoke.
4 Inao t'ie hampikoahe' i Talè, havatambia'e mb' an-driak' añe ty haozara'e; vaho ho forototoe' ty afo.
5 Hahaisake zay ty Askelone§
vaho hiria-kolitse,
hangirifiry ka t'i Azà*,
naho i Ekrone† ty amy fitamà'e nilesay;
hihomake ty mpanjaka' i Azà le tsy ho amam-pimoneñe ty Askelone.
6 Anak' amontoñe ty hitoboke e Ashdode‡, vaho haitoako ty fisengea' o nte-Pilistio.
7 Hafahako am-bava'e ao ty lio'e
naho an-tsifim-pamotsi'e ao
o raha mampangorìñeo;
fa o sehanga'eo ty ho an' Andrianañaharen-tika,
ie ty hanoeñe mpiaolo e Iehodà ao,
vaho hanahake ty nte-Iebose§ t'i Ekrone.
8 Hitobe am-piarikatoha' i kivohokoy raho
ty amo lahindefoñeo,
ty amy miary eo naho mibalike
vaho tsy hisoroha' ty mpamorekeke ka, fa ho jilove' o masokoo henane zao.
9 Mandià taroba ry anak'ampela' i Tsione, mipoñafa ry anak' ampela' Ierosalaime;
Hehe te mitotsak' ama'o ty Mpanjaka'o, Vantan-dre, reketse fandrombahañe,
mirèke, miningitse borìke,
ambone' ty fola-bao,
ana'ty borìke vave'e*.
10 Le hapitsoko amy Efraime ty sarete,
naho am' Ierosalaime ty soavala,
naho ho pozaheko o fàlen-kotakotakeo;
ie hitsara fampilongoañe
amo kilakila' ondatio,
vaho hitakatse an-driake ey
pak' an-driak' añe i fifehea'ey,
naho boak'amy Sakay añe
pak' añ' olo-ty tane toy.
11 Le ihe, ty amy lio' i fañina ama'oiy, hampiavoteko boak' an-koboñe
tsy aman-drano ao
o azo an-drohio.
12 Mimpolia mb'an-drova fatratse mb' eo,
ry mpirohy mitamàñeo;
anito ty ho koiheko te hondroheko
in-droe o azoo.
13 Ampivohoreko hoe te faleko t'Iehodà,
atsafeko amy faley ty Efraime;

† **9:2** Tsore: Vato: haozarañe, masioñe ‡ **9:2** Tsidone: mitsatsà; mamintañe § **9:5** Askelone: fikovovohañe am-pitaveañañe * **9:5** Aaza: ty nihafatrarañe, maozatse † **9:5** Ekrone: nombotañe reke-bahatse ‡ **9:6** Asdone: fipalirañe fatratse § **9:7** Iebose: toe-pamofohañe * **9:9** Mat 21:5, Jao 12:15

naho ho troboeko o ana’oo ry Tsione,
hatreatré’e o ana’oo ry Iavane,
ie hampanahafeko
amy fibaram-panalolahiy.
14 Ho oniñe ambone’ iereo eo t’IEHOVÀ, naho hihiririñe hoe helatse i ana-pale’ey;
ho tiofe’ IEHOVÀ, Talè i antsivay,
vaho hijoñe an-tangololahi’ i atimoy.
15 Ie harova’ IEHOVÀ’ I MÀroy;
le hampibotseke iereo
handialia o vato-piletseo;
hìnoñe iereo naho hiroharoha hoe an-divay; hatsafeñe hoe an-tsoakazo,
kotsa hoe an-kotso’ i kitreliy eo.
16 Handrombake iareo amy andro zay t’IEHOVÀ Andriananañahare’ iareo
ho lia-rai’ ondati’eo,
ho vatosoan-tsabaka’e,
mimilemiletse an-tane’e eo.
17 Akore ty hafanjàka
naho hatsomerentsere’ iareo!
Hampiraorao o ajalahio ty ampemba
naho o somondrarao ty divai-vao.

# 10

1 Ihalalio orañe am’ IEHOVÀ,
oran-doha-taoñe am’ IEHOVÀ mpitsene i helatsey;
vaho hampikojojoaha’e orañe,
fonga ondaty ty amo mitiry an-tete’eo.
2 Fa mikora aman-tahiñe o ambiasao,
naho mahaonim-bande o mpisikilio,
mivolam-bìlañe ka o nofio,
tsy jefa’e ty fañohò’ iareo;
aa le mirerere hoe añondry iereo,
misotry fa tsy amam-piarake*.
3 Misolebotse amo mpiarakeo
ty habosehako, le ho liloveko o ose-lahio;
fa tiahi’ IEHOVÀ’ I MÀroy i lia-rai’ey,
i anjomba’ Iehoday
ie hanoe’e hoe soavalam-bolonahe’e
an-kotakotak’ ao.
4 Boak’am’ iareo ty vato-lahy,
hirik’am’ iereo ty fantake,
boak’am’ iereo ty falen-kotakotake,
vaho hirik’am’ iereo ao ze mpameleke—hiharo
5 hoe fanalolahy iereo, ho lialia’ iereo am-potak’ an-dalañe ao t’ie mihotakotake naho mifandraparapake,
fa mindre am’ iereo t’IEHOVÀ vaho
hifandrakaraka o mpiningi-tsoavalao.
6 Hampaozareko ty anjomba’ Iehodà,
naho ho rombaheko ty anjomba’ Iosefe, hampoliko fa iferenaiñako,
vaho hanahake t’ie tsy nahifiko añe, amy te zaho IEHOVÀ t’i Andriananañahare’ iareo, le ho toiñeko.

* 10:2 Iek 34:5,8

7 Hanahake ondaty manjofakeo t'i Efraime, le hirebeke ty arofo' iareo hoe an-divay;
Eka hahaisake zay o ana'eo
vaho handia-taroba,
hifale am' IEHOVÀ ty arofo' iareo.
8 Ho tsikaoreko, naho hatontoko, amy t'ie nijebañeko, ie hitombo ho mira ami'ty
hamaro'e taolo.
9 Ie aparatsiako amo fifeheañeo,
le hahatiahy ahy an-tsietoitane añe;
naho ho veloñe iereo naho o ana' iareoo,
vaho himpoly.
10 Hampoliko boak'an-tane Mitsraime, naho hatontoko boak' Asore añe;
vaho hendeseko mb'an-tane Gilade
naho mb'e Libanone mb'eo;
ampara' te tsy tsahatse i toetsey.
11 Ho sorohe'e i ria-kaloviloviañey,
ho fofohe'e o onjan-driakeo,
le ho maike o godobo' i sakaio,
naho hafotsake ty enge' i Asore
vaho hipitsok' añe ty kobai' i Mitsraime.
12 Hampaozareko am' IEHOVÀ iereo vaho i tahina'ey ty hidraidraita' iareo,
hoe t'IEHOVÀ.

# 11

1 Sokafo o lalam-bei'oo ry Libanone
hampibotseha' ty afo o mendoraveñeo.
2 Mangololoiha, ry talý,
fa nideboñe i mendoraveñey;
fa nianto o nanam-bolonahetseo;
Mangoihoìa, ry kile' i Basane
fa hinatsake i ala matahetsey.
3 Inao! ty fitoreova' o mpiarakeo,
fa mianto ty enge' iareo;
Inao! ty fitroña' o liona tora'eo,
fa robake ty fisengea' Iordane.
4 Hoe t'IEHOVÀ Andrianañahareko: Andrazo i lia-raike ho zamaneñey; 5 Vonoe' o
mpikaloo iareo fe tsy liloveñe, le manao ty hoe o mandetake iareoo: Andriañeñe
t'IEHOVÀ, amy te nahampañarivo ahy; vaho tsy tretreze' o mpiara'eo. 6 Aa le tsy ho
ferenaiñako ka ty mpimone' i taney, hoe t'IEHOVÀ; Inao, songa haseseko am-pitàn-
drañe'e t'indaty naho am-pitàm-panjaka'e; ho demohe' iereo i taney, le zaho tsy
hamotsotse am-pità'iareo.
7 Aa le nifahanako i lia-raike ho lentañey, o vata'e rarake amy lia-raikeio. Le
rinambeko ty kobaiñe roe; ty natao Isoke naho ty natao Vanditse; vaho nandrazeko
i lia-raikey. 8 Naitoeko añate' ty vola'e raike ty mpiarake telo; Toe tsy nahaliñe iareo
ty troko, vaho nalaiñe ahy ka ty tro' iareo. 9 Aa le hoe raho: Tsy handrazeko nahareo
adono hivetrake ze hivetrake; apoho haito ze haito; vaho angao hifampihinañe ty
nofo'e o sehanga'eo. 10 Rinambeko i kobaiko atao Isokey, le tsineratserako, hifoterako
amy fañina nanoeko am'ondaty iabio. 11 Toe pinozako amy andro zay; vaho nifohi'
ze mañaoñe ahy amo misotry amy lia-raikeio t'ie nitsarae' IEHOVÀ. 12 Aa le hoe ty
asako tam' iereo: Naho atao' areo te mañeva le atoloro ahy ty tambeko; fa naho tsie
le apoho; vaho linanja' iareo ty volafoty telo-polo ho tambeko. 13 Le hoe t'IEHOVÀ
tamako: Afetsaho mb'amy mpanao valàñe taney mb'eo i vili'e sarotse nikaloa' iareo

ahikoy. Nendeseko amy zao i volafoty telopoloy vaho nahifiko amy mpanao valàñe
taney añ'anjomba' IEHOVÀ ao. 14 Tsineratserako ka i kobaiko faharoe atao Vanditsey,
soa t'ie hibalake ty fifampilongoa' Iehodà naho Israele.
15 Le hoe t'IEHOVÀ tamako: Rambeso indraike o haraom-piarake gegegegeo. 16 Ingo,
hampitroareko mpiarake tsy hañaoñe o naitoañ' amy taneio naho tsy hitsoeke o
tora'eo, naho tsy ho melañe'e o folakeo, vaho tsy ho fahana'e o mbe mijohañeo,
fa ho kamae'e ty hena' o vondrakeo, naho ho pozapozahe'e o hotro'eo.
17 Hankàñe amy mpiarake tsy jefa'e
mahafari' i lia-raikeiy!
ho an-tsira'e ty fibara
naho am-pihaino'e havana;
hiforejeje i sira'ey
ho maieñe i fihaino'e havanay.

# 12

1 Ty entañe nitsarae' IEHOVÀ am' Israele: Hoe t'IEHOVÀ namelatse o likerañeo,
naho nampijadoñe o mananta' ty tane toio vaho mitsene ty arofo' ondaty ama'e
ao: 2 Inao, te hanoeko fitovim-pivembèñañe t'Ierosalaime naho o mañohok' aze
iabio, vaho hampitraofe' iareo ama' Ierosalaime t'Iehodà, naho harikatohe' iareo.
3 Ie amy andro zay, le hanoeko vato fijinie' ze kila ondaty t'Ierosalaime; ho fonga
fere-boboke ze mivave aze; vaho hene hitontoñe hiatreatre aze ze fifehea' ty tane
toy. 4 Amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ le ho paoheko ho tangòke o soavalao, naho ho
seretse i mpiningi'ey; hanoka-maso amy anjomba' Iehoday raho vaho ho lafaeko ho
goa iaby ze soavala'ondaty. 5 Le hitsakore añ'arofo ao o mpifehe' Iehodao hanao ty
hoe: Haozarako o mpimone' Ierosalaime añam' IEHOVÀ' I MÀroy, Andrianañahare'
iareo. 6 Hanoeko sadròn' afo añivon-katae ao o mpiaolo' Iehodao, naho hoe failon'
afo añivom-pitoboroñan' ampemba ao; ie hamorototo ondaty iaby mañohokeo
mb' ankavana naho havia; fe ho fimoneñañe an-toe'e eo indraike t'Ierosalaime,
Eka e Ierosalaime ao. 7 Ho rombahe' IEHOVÀ heike o kiboho' Iehodao, soa tsy
hitoabotse ambone' Iehodà ty enge' i anjomba' i Davidey9 naho ty enge' o mpimone'
Ierosalaimeo. 8 Harova' IEHOVÀ amy andro zay o mpimone' Ierosalaimeo le ho
hambañe amy Davide ty mikoletra am' iereo amy andro zay; vaho hanahak' an'
Andrianañahare ty anjomba' i Davide, hambañ' amy anjeli' IEHOVÀ aolo' iareoy.
9 Ie amy andro zay, ho paiako harotsake ze hene fifeheañe maname Ierosalaime.
10 Le hakofòko amy anjomba' i Davidey naho amo mpimone' Ierosalaimeo ty
arofom-patarihañe naho fisolohoañe; le hisamb' ahy iereo, i trinofa' iareoy vaho
hirovetse, manahake t'ie fangololoiham-bako-tokañe, ho afero am' iareo manahake
t'ie nitañoloñoloña'e. 11 Ie amy andro zay, le ho fandalàm-bey ty e Ierosalaime ao,
manahake ty firoveta' i Hadadrimone* am-bavatane' i Megidone† eo. 12 Handala
i taney, le hifampivike ze hene fifokoañe; hifampivike ty anjomba' i Davide naho o
rakemba' eo; hifampivike ty anjomba' i Natane‡ naho o rakemba'eo; 13 hifampivike ty
anjomba' i Levý§ naho o rakemba' eo; hifampivike o nte-Simeio* naho o rakemba'eo;
14 hifampivike ze hene fifokoa sehanga'e naho o tañanjomba'eo.

# 13

1 Ho sokafeñe amy andro zay añ' anjomba' i Davide naho amo mpimone'
Ierosalaimeo ty rano migoangoañe, ty amo hakeo naho haleorañeo. 2 Ho tondrok'

* 12:11 Hadadrimone: halaly amy Rimone (tsie) † 12:11 Megidone: o voa'e fanjakao; mitaroñe ‡ 12:12 Natane: manolotse; manambe; tinambe § 12:13 Levy: Mpiama'e * 12:13 Simeý: mijanjiñe naho manao; ty engeko

amy andro zay, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy, te haitoako amy taney ty añara' o fahasiveo
naho tsy ho tiahieñe ka*; vaho hasintako amy taney o mpitokio naho ty fañahy
maleotse. 3 Ie amy zay, ie mbe mitoky avao t'indaty, le hanao ty hoe ama'e ty rae'e
naho i rene'e nisamak' aze: Tsy ho velon-drehe, amy t'ie mandañitse amy tahina'
IEHOVÀy; aa ie mitoky le ho tombohen-drae'e naho i rene'e nahatoly aze. 4 Ie amy
andro zay, songa ho salare' o mpitokio o aroñaro'eo t'ie mitoky; vaho tsy hisikin-
tsarimbo volovoloeñe hamañahia'e; 5 le hanao ty hoe: Tsy mpitoky raho, fa mpiava
tane; ie vinili' ondaty h'ondevo'e te nahajalahy. 6 Le hanao ty hoe ama'e ty raike:
Aa vaho inoñe o fere am-pità'oo? Le hoe ty havale'e: Tañ' anjombam-pikoko ahy ao
raho te finofoke. 7 Mitsekafa ry fibara hiatreatre i Mpiarakoy, indaty Mpiamakoy, hoe
t'IEHOVÀ' i Màroy; lafao i mpiarakey, le hibaratsàke o añondrio; vaho hafoteko amo
kedeo ty tañako. 8 Ho tondrok' amy taney iaby, hoe ty nafè' IEHOVÀ te haitoeñe vaho
hihomake ty roe ampaha-telo'e, le hengañe ao ty am-paha-telo'e. 9 Hampisoroheko
añ'afo ao i faha-teloy, naho hatranako manahake ty fitranahañe volafoty; ho tokave'
iareo ty añarako† naho ho toiñeko, ty hoe: Ondatiko iereo; le hanao ty hoe iereo:
IEHOVÀ ro Andrianañahareko.

# 14

1 Inao: homb'eo ty andro' IEHOVÀ, le ho zaraeñe añivo'o ao ty kinopak' ama'o
ao. 2 Fa hatontoko hihotakotak' am' Ierosalaime o fifeheañe iabio*; vaho ho gioke
i rovay, ho voloseñe o anjombao naho ho vahoreñe o rakembao vaho hasese an-
drohy añe ty vaki-mira' i rovay, fe tsy haitoeñe amy rovay o sehanga'eo. 3 Ie
amy zao hionjom' beo t'IEHOVÀ, hialy amo fifeheañeo, manahake i fialia'e añ'
androm-pihotakotahañey. 4 Hijohañe ambone' i vohin' Olive miatreke Ierosalaime
maniñanañey o fandia'eo amy àndroy, vaho hitserak' añivo'e eo i vohin' Olivey
boak' atiñanañe pak' ahandrefa; kanao ho tendreke eo ty vavatane jabajaba; hiveve
mañavaratse ty vaki' i vohitsey, naho hañatimo ka i vaki'ey. 5 Le hivoratsake
mb' amy vavatane' i vohikoy mb'eoy nahareo; amy te hahatakatse i Azele† i
vavatane' o vohitseoy; eka, toe hitrimban-day, manahake ty nibotatsaha' areo amy
fanginikinihan-tane añ'andro' i Ozià‡ mpanjaka Iehodaiy; le hitotsake eo t'IEHOVÀ
Andrianañahareko—hitraoke ama'o ze hene masiñe.
6 Ho tondrok' amy andro zay te tsy ho an-kazavañe, fa figoboñañe; 7 le hitsatoke ty
andro raik' arofoana' IEHOVÀ, t'ie tsy handro tsy haleñe, le hazava te hariva. 8 Ie amy
andro zay, higoangoañe boak' Ierosalaime ao ty rano veloñe§: ty vaki'e mb'an-driak'
atiñanamb'eo naho ty vaki'e mb'an-driak' ahandrefa mb'eo; ndra te asotry ndra te
asara.
9 Ho Mpanjaka' ty tane bey toy t'IEHOVÀ *; ho raike t'IEHOVÀ le ho raike i tahina'ey.
10 Hampimiraeñe iaby ty tane boake Gebà pake Rimone atimo' Ierosalaime ey;
haonjoñe t'Ierosalaime himoneña'e an-toe'e eo boak' an-dalam-bei' i Beniamine,
pak'an-toe' i lalam-bey valoha'ey, pak' amy lalam-bein-kotsokey, vaho boak' am-
pitalakesañ' abo' i Kananèle ey pak'am-pipiritan-divaim-panjaka. 11 Le himoneña'
iareo, naho tsy hafàtse ka†; fa hiaiñ' añoleñañe t'Ierosalaime.
12 Le zao ty ho angorosy hafetsa' IEHOVÀ amy ze fonga ondaty naname Ierosalaime
añ'aly, hihomak' ama'e ty nofo'e ie mbe mijohañe am-pandia'e, naho ho momok'
am-pitsatoha'e o fihaino'eo, vaho ho vorok' am-palie'e ao o famele'eo. 13 Ho tondrok'
amy andro zay te, ho añivo' iareo ao ty fifandragaragàñe boak'am' IEHOVÀ; le songa
hitambozòtse ty fitàm-piama'e t'indaty, vaho sindre hizonjom-pità hatreatré'e ty

* 13:2 Avo 23:13, Its 12:3, Ieh 23:7, Hos 2:17, Tsf 3:9 † 13:9 Tsf 3:9 * 14:2 Ioe 3:2, Tsf 3:8, Ben 16:14 † 14:5 Azele: toe marine ‡ 14:5 Ozia: ty haozara' (anak'añondri') i IEHOVÀ § 14:8 Ben 22:1-2 * 14:9 Ies 24:23, Oni: Dan 2:44, Ben 11:15 † 14:11 Ies 60:18, Iir 31:40, Iek 37:26, Amo 9:15, Ben 22:3

fità’ ty ila’e. 14 Hialy e Ierosalaime ao ka t’Iehodà; le fonga hatontoñe ty vara’ o
kilakila ondaty mañohokeo; volamena, naho volafoty, naho saroñe tsifotofoto. 15 Le
ho hambañe amy angorosiy ty angorosi’ o soavalao, naho o borìke-vosio, naho o
ramevao, naho o borìkeo, vaho ze hene hare an-tobe’ iareo ao.
16 Le ho tondroke te hionjoñe mb’e Ierosalaime mb’eo boa’ taoñe ze sehanga’
o kilakila’ ondaty naname Ierosalaimeo, hitalaho amy Mpanjakay, am’ Iehovà’ i
Màroy, hamonje i sabadidan-tsokemitrahay. 17 Ie amy zao, ze fifokoa’ ty tane toy tsy
hionjomb’e Ierosalaime hitalaho amy Mpanjakay, Iehovà’ i Màroy, le tsy hihaviañ’
orañe. 18 Aa naho tsy mionjo-mb’eo ty fifokoa’ i Mitsraime, vaho tsy mivotrake eo,
le tsy hahazo ka; te mone i angorosy hafetsa’ Iehovà amo fifeheañe tsy mamonje i
takatakan-kibohotseio. 19 Zay ty ho fandilovañe i Mitsraime, naho ty fandafàñe ze
fonga fifelehañe tsy mionjo-mb’an-takatakan-kibohotse mb’eo.
20 Ie amy andro zay hisokitse amo fikorintsan-tsoavalao ty hoe, Navaheñe ho am’
Iehovà; vaho hanahake o sajoa aolo’ i kitreliio o valàñe añ’anjomba’ Iehovào.
21 Eka, songa hiavake ho am’ Iehovà’ i Màroy ze valàñe e Ierosalaime ao naho e
Iehodà ao; le sindre hangalak’ am’ iereo ao ze mañenga soroñe, ie migodrogodroñe
ao; vaho tsy ho eo amy andro zay ty mpanao balik’ añ’anjomba’ Iehovà’ i Màroy ao.

# Malaký

1 Fetse: ty tsara’ IEHOVÀ am’ Israele añamy Malaký*.
2 Fa nikokoako nahareo, hoe t’IEHOVÀ,
le anoa’areo ty hoe:
Ami’ty akore ty nikokoa’o anay?
Aa tsy nirahalahi’ Iakobe† hao
t’i Esave‡? hoe t’IEHOVÀ;
fe nikokoako t’Iakobe, 3 naho nihejeko t’i Esave,
nampangoakoaheko o tamboho’eo,
vaho natoloko amo farasim-
patram-beio ty lova’e. 4 Ie amy zao, hoe ty asa’ i Edome:
Finofok’ ambane zahay fe himpoly,
hamboara’ay o liolioo;
aa hoe t’IEHOVÀ’ I MÀroy:
Hamboatse iereo, fe harotsako ambane;
naho hatao tanem-piaroteñe i toetsey,
ie ondaty mahaviñetse IEHOVÀ nainai’eo;
5 Ho isa’ o fihaino’areoo,
vaho hanao ty hoe: Jabahinake t’IEHOVÀ
alafe’ o efe-tane’ Israeleo. 6 Miasy an-drae’e ty ana-dahy,
naho ty talè’e ty ondevo,
aa kanao zaho t’i Rae,
aia ty fiasiañe Ahiko?
Katao Talè raho,
aia ty fañeveñañe amako?
hoe t’IEHOVÀ’ I MÀroy amo
mpisoroñe manirìka ty añarakoo.
Ie anoa’areo ty hoe:
Aia ty nanirikà’ay ty tahina’O? 7 Ie mibanabana mofo maleotse amy kitrelikoy, naho manao ty hoe:
Akore ty nanivà’ay Azo?
Ie atao’ areo ty hoe:
Mavo ty fandambaña’ IEHOVÀ 8 Ie mañenga ty goa hisoroñañe,
tsy haloloañe hao?
Ie engaeñe ty mikotrile
naho ty manan-kandra,
tsy haratiañe hao?
Ibanabanao amy mpifehe’ areoy,
hifalea’e hao? ho no’e hao rehe?
hoe t’IEHOVÀ’ I MÀroy. 9 Ie amy zao, naho miambane
hihalaly ty fañisohan’ Añahare,
hiferenaiña’e hao?
naho banabanae’areo izay?
Ho rambese’e soa v’inahareo?
Hoe t’IEHOVÀ’ I MÀroy: 10 Ia ama’areo ty handrindriñe o lalakoo
tsy mone ho viañeñe an-kitreliko eo ty tsy vente’e!

* 1:1 Malaký: irako; anjeliko † 1:2 Iakobe: mpamañahy; tomitse ‡ 1:2 Esave: i mitoloñey, i mahahenekey

Tsy mahafale ahy nahareo,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy, vaho tsy noko
o banabanam-pità' areoo. 11 Amy te boak'am-panjirihan' andro añe pak'am-pitsofora'e,
le ra'elahy amo fifeheañeo ty añarako;
amy ze fañembohañe naho
fañengañe mahakama malio ami'ty añarako,
fa Ra'elahy amo kilakila' ondatio
ty añarako,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy. 12 F'ie teraterà' areo,
ami'ty atao' areo ty hoe:
Nivetàñe ty fandambaña' i Talè,
naho o vokare'eo,
vaho tiva o mahakama'eo. 13 Mbore atao' areo ty hoe:
Hete! mahamokotse!
mbore injè' areo,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy,
endese' areo ty nitavaneñe,
ty mikotrile, naho ty boròka,
vaho engae' areo hisoroñañe,
ho noko am-pità'areo hao? hoe t'IEHOVÀ. 14 Fàtse ty mpikatramo,
ie aman-kobatròke amy lia-rai'ey,
le ie mifanta: i aman-kàndray
ty engae'e amy Talè,
Izaho Mpanjaka ra'elahy,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy,
naho añeveñañe amo fifeheañeo
ty añarako.

# 2

1 Ie henane zao: ho anahareo o lily zao ry mpisoroñeo.
2 Aa naho tsy haoñe' areo,
naho tsy tsakore' areo añ'arofo ao,
ty handrenge i añarakoy, hoe t'IEHOVÀ,
le hañitrifako fatse,
vaho hozoñeko o fitahia' areoo;
eka, toe fa nozoñeko, amy te
tsy ifahara' ty tro' areo.
3 Ingo, hendahako o tabiri'areoo,
le ho hosorako hativàñe o lahara' areoo,
ty tai' o takataka' areoo;
ie hisese añe mindre ama'e.
4 Fohino arè te nampihitrifeko
ama' areo ty lily toy,
soa te ho amy Levý nainai'e i fañinakoy,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy.
5 Haveloñe naho filongoañe
i fañinako ama'ey;
natoloko aze ho fañeveñañe,
toe nañeveña'e
vaho niambane ami'ty añarako.

6 Tam-palie'e ao i Hake vantañey*,
vaho tsy nitendrek' am-pamele'e ao
ty hatsivokarañe;
ie nindre nañavelo amako an-kanintsiñe naho an-kavañonañe vaho maro ty nampiambohoe'e ami'ty raty.
7 Toe fañajàn-kilala ty fivimbim-pisoroñe, vaho ho tsoeheñe am-palie'e ao ty Hake;
ie ìra' IEHOVÀ' I MÀroy.
8 Fe nitsile amy lalañey nahareo,
naho nampitsikapy ty maro amy Hake;
nitivae' areo ty fañina' i Levý,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy.
9 Aa le nisirikaeko naho nimavoeko añatrefa' ze kila ondaty
amy te tsy nambena' areo o lalakooy,
vaho mirihy t'ie mañorike Hake.
10 Tsy raik' avao hao t'i Raentika?
Tsy Andriananañahare Raike hao ty namboatse an-tika?
Aa vaho akore te songa
mifampikatramo aman-drahalahy,
hiteratera i fañinan-droaentikañey?
11 Fa nanao hatsivokarañe t'Iehodà,
hativàñe ty nanoeñe e Israele ao
naho e Ierosalaime ao;
fa vineta' Iehodà i toetse navahe' IEHOVÀy ie nikokoa'e,
amy nañenga'e ty anak' ampelan-
drahare ambahiny ho vali'e.
12 Haitoa' IEHOVÀ amo kiboho' Iakobeo
t'indaty manao zay, ie mañenga soroñe
amy IEHOVÀ' i maroiy.
he t'ie mpiaolo ke te mpañorike.
13 Inao ka ty fanoe'areo:
atsafe' areo rano-maso ty kitreli' IEHOVÀ, am-pirovetañe, vaho am-pangolololoihañe,
amy te tsy haoñe'e i engay,
tsy no'e ty handrambe an-taña' areo.
14 Le anoa'areo ty hoe: Aa vaho akore?
Amy te IEHOVÀ ro valolombeloñe
añivo'o naho i tañanjomban-
katora'oy, i fañahie'oy,
ndra te nirañe'o i valim-pañina'oy.
15 Aa tsy nanoe'e [nofotse] raike hao?
Aa manao akore t'ie raike?
naho tsy te ipaia'e tiry mpañori-Kake.
Aa le itaò ty arofo' areo,
ehe te tsy eo ty hifotetse
amy tañanjomban-katora'ey.
16 Hejeko ty tsei-valy, hoe t'IEHOVÀ,
Andriananañahare' Israele,
naho ty misaroñe tiñake hoe t'ie sikiñe,
hoe t'IEHOVÀ' I MÀroy;
aa le itaò o tro' areoo,
tsy mone hivalike.

---

* **2:6** Nek 9:13

17 Fa nimokore’ areo
t’IEHOVÀ amo enta’ areoo.
le manao ty hoe:
Aa vaho akore ty nampimokora’ay?
Ami’ty atao’ areo ty hoe:
Hene soa am-pivazohoa’ IEHOVÀ eo
ze manao raty, vaho no’e!
ndra ty hoe;
Aia i Andriananañaharen-
kavantañañey?

# 3

1 Oniño t’ie hahitriko i ìrakoy,
ie ty hañajary ty lalañe aoloko eo;
le hitotsak’ amy zao an-kivoho’e ao
i Talè paia’ areoy,
toe ty ira’ i fañina
mahafale anahareoy,
hehe t’ie mb’eo aniany,
hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy.
2 Fe ia ty hahafeake
ty andro hitotsaha’e?
ia ty hahafijohañe t’ie pok’eo?
ie hoe afo fampitranahañe,
hoe savonim-panasàñe.
3 Ie hiambesatse hoe mpampitranake
naho mpañalio volafoty,
hañefetse o ana’ i Levio,
hampitranake iereo
hoe volamena naho volafoty,
hibanabana’ iareo enga an-kavantañañe am’ IEHOVÀ.
4 Ie amy zay ho no’ IEHOVÀ o banabana’ Iehodà naho Ierosalaimeo,
manahake tañ’andro taolo,
naho tan-taoñe haehae.
5 F’ie hafetsako am-pizakàñe heike;
fa valolombeloñe mahimbañe
raho amo mpamorekeo,
naho amo mpandrañaotseo,
naho amo mpanao fanta vìlañeo;
naho amo mpikatramo
ty tambe’ i mpikaramay
naho i vantotsey naho i bode-raeio;
naho amo manitake ty ambahiny ami’ty zo’e;
amy t’ie tsy mañeveñe amako,
hoe t’IEHOVÀ’ i Màroy.
6 Izaho IEHOVÀ tsy miova*
ro tsy mahamongotse anahareo
ry ana’ Iakobeo.
7 Sikal’ aman-droae’ areo
ty niambohoa’ areo o fañèkoo,
naho tsy niambena’ areo,

---
* 3:6 Iak 1:17

mimpolia amako, le hitolihako,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
Fe hoe nahareo,
Aa vaho akore ty himpolia'ay?
8 Hampikametse aman' Añahare hao
t'indaty? F'ie nikamera'areo.
Aa hoe nahareo:
Ami'ty aia ty nikamera'ay?
Amo faha-foloo, naho amo engao.
9 Silofem-pàtse nahareo,
amy te fonga nikizo ahiko,
Eka naho ty fifeheañe toy iaby.
10 Hene aseseo an-driha i fahafoloy,
soa te ama' mahakama ty an-kivohoko ao,
le tsoho raho ty amy zao,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
hera hisokafako o lalan-dikerañeo
hampidoandoañako fañanintsiñe
tsy hierañañe.
11 Le hendahako ty ama' areo
i mampibotsekey tsy hampianto ty vokan-tane' areo;
vaho tsy hañary o voa'e tsy matoeo
o vahe' areo an-tetek' aoo,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
12 Le hatao' ze hene fifeheañe ty hoe:
Haha nahareo; fa ho tane fanjàka,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
13 Nanoa'areo saontsy maràñe, hoe t'IEHOVÀ,
mbore manao ty hoe:
Akore ty nañinjea'ay azo?
14 Nanao ty hoe nahareo:
Tsy vente'e ty mitoroñe
an'Andriananañahare;
ino ty tombo'e ho antika
t'ie mitañe o fandilia'eo,
naho mañavelo am-pirevendreveñañe
am' IEHOVÀ' i Màroy?
15 Ie amy zao, ataon-tika ho haha
o mpiebotsebotseo,
eka onjoneñe o mpikitro-draha ratio,
ie mitsok' an'Andriananañahare,
vaho mipolititse.
16 Nifanaontsy amy zao
o mpañeveñe am' IEHOVÀO;
nañaoñe t'IEHOVÀ naho nahajanjiñe,
vaho sinokitse añ'atrefa'e eo
ty bokem-paniahiañe,
ho amo mpañeveñe am' IEHOVÀO,
naho o miasy i tahina'eio.
17 Ho ahy iereo, hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
le harovako amy andro amoriako o varakooy;

manahake ty fañarova' ondaty
i ana'e mitoroñe azey.
18 Ie amy zay, ho oni'areo ty fiavaha'
ty vantañe ami'ty tsivokatse,
ty mitoroñe an'Andrianañahare
ami'ty tsy mitoroñe Aze.
19 Inao, ho tondroke ty andro
hirehetse hoe toñake;
ie ho ahe-maike iaby
o mpirengevokeo
naho o mpanao haloloañeo;
hampirebareba iareo amy andro ho aviy,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy,
vaho tsy hapo'e ndra vahatse ndra singa.
20 Fe ama' areo mpañeveñe ami'ty añarako,
ro hanjiriha' ty andron-kavañonañe,
reketse fijangañañe an-dengon-tsaro'e eo†;
hionjom-beo nahareo
manahake ty fivoamboañan-tsarake boak'an-kijoly ao.
21 Le ho lialià' areo o lo-tserekeo;
ie ho lavenok' ambane' lelam-pandia'
areo ao amy andro anoeko zay,
hoe t'IEHOVÀ' i Màroy.
22 Tiahio i Ha' i Mosè mpitorokoy,
i nafantoko aze e Korebe añey:
o fañè naho fepetse ho a Israele iabio.
23 Inao te hiraheko ama' areo t'i Elià‡
mpitoky aolo' i andro IEHOVÀ jabajaba
naho maharevendreveñey.
24 Ie ty hampimpoly ty arofon-droae
amo ana'eo, naho o tron'anakeo
aman-droae'iareoo;
tsy mone homb'eo raho handafa
i taney am-pandrotsahañe do'e.§

† 3:20 Oniño: Vol 15.38-39 ‡ 3:23 Elià: Andrianañahare; Talè Maozatse § 3:24 Zek 14:13, Lke 1:16-17, 76

# Matio

*Toñon-draza' i Norizañey*
*Rot 4.18-22; 1 Tan 1.34, 2.1-15; Lke 3.31-34*

1 Intoy ty toñon-droae' IESOÀ*, ana' i Davide, ana' i Abrahàme†.
2 Nisamake Isàka t'i Abraàme naho nisamake Iakobe t'Isàka; nisamake Iehodà
naho o roahalahi'eo t'Iakobe; 3 nisamake i Peretse naho i Zerà amy Tamare t'Iehodà;
nisamake i Hezrone t'i Peretse, nisamake i Rame t'i Hezrone;
4 nisamake i Aminadabe t'i Rame, nisamake i Nakhsone t'i Aminadabe, nisamake
i Salmone t'i Nakhsone. 5 Nisamake i Boaze amy Rakhabe karapilo t'i Salmone;
nisamake i Ovede amy Rote t'i Boaze, vaho nisamake i Jesè t'i Ovede.
6 Nisamake i Davide t'Jesè, le nisamake i Solomone amy vali' i Oriay t'i Davide.
7 Nisamake i Rehoboame‡ t'i Solomona; nisamake i Abià t'i Rehoboame; nisamake
i Asà t'i Abià. 8 Nisamake i Jehosafate t'i Asà, nisamake i Jorame t'i Jehosafate;
nisamake i Ozià t'Jorame. 9 Nisamake i Jotame t'i Ozià; nisamake i Ahaze t'i Jotame,
nisamake i Hezekià t'i Ahaz. 10 Nisamake i Menasè t'i Hezekià; nisamake i Amone
t'i Menasè; nisamake i Josia t'i Amone. 11 Nisamake i Jekonia miroahalahy amy
faneseañe e Babolone añey t'i Josia.
12 Ie nitampetse i faneseañe e Babolone añey, le nisamake i Sealtiele t'i Jekonia;
nisamake i Zerobabele t'i Sealtiele; 13 nisamake i Abihode t'i Zerobabele; nisamake i
Eliakime t'i Abihode; nisamake i Azore t'i Eliakime.
14 Nisamake i Tsadoke t'i Azore; nisamake i Ahkime t'i Tsadoke; nisamake i Elihode
t'i Ahkime. 15 Nisamake i Eleazare t'i Elihode; nisamake i Matane t'i Eleazare;
nisamake i Jakobe t'i Matane. 16 Nasama' i Jakobe t'Josefe. I Josefa ty tañanjomba' i
Marie, rene' IESOÀ tokaveñe ty hoe: i Mesià ndra i Norizañey§.
17 Aa le tariratse folo efats' amby ty boak' amy Abrahàme pak'amy Davide; naho
tariratse folo efats' amby ty boak' amy Davide sikal'amy faneseañe e Babolone añey,
vaho tariratse folo efats' amby ty boak'amy faneseañe e Babolone añey pak' am'
IESOÀ.

*Ty Nisamaha'e*

18 Zao ty nisamahañe IESOÀ: ie vinorovoro' i Josefe ty rene'e naho mbe tsy niolora'e,
le tendreke t'ie nivesatse añamy Arofo-Masiñey*.
19 Ondaty vañoñe t'i Josefe vali'ey, ie tsy te hindre-toboke ama'e ndra ty
hampiborake aze ho salareñe, ndra ty hamahots' aze havetrake, le nisafirie'e ty
hañetake aze. 20 Ie nitsakore zay an-trok' ao, intoy ty anjely nisodehañe ama'e ami'ty
nofy, nanao ty hoe: O Josefe, ana' i Davide, ko marimariha'o ty handrambe i Marie
vali'o amy te nampiareñe' i Arofo Masiñey i ama'ey. 21 Hisamake ana-dahy re naho
hatao'o IESOÀ ty añara'e, amy te ie ty handrombake ondatikoo amo hakeo' iareoo.
22 Nanoeñe iaby zay hañeneke ty nampanokira' IEHOVÀ i mpitokiy ami'ty hoe:
23 Inao, miareñe i somondraray† naho hisama-dahy, vaho hatao' areo Imanoela, toe
Andrianañahare Amantika, ty tahina'e‡.

* 1: Grika: Iesòse; Malagasy beteke Jesosy; Hebreo: IESOÀ: Mpandrombake, Mpañaha † 1: Nadika ami'ty Matio nanoeñe an-tsaontsy Hebreo, tsinikombe' i Evan Bohan tan-taoñe faha 1380 ‡ 1:7 Mp I 14:21,31 § 1:16 Norizañe: Hinosotse ho lenteheñe, hañefera'e an-dio'e ze ondaty miato. Grika: Kristy; Heb: Mesiake * 1:18 Arofo; Gr: pneuma; Heb kofòke † 1:23 Somandrara: ie mboe tsy nahavany lahy ‡ 1:23 Ies 7:14

24 Nivañoñe amy firota'ey amy zao t'i Josefe le nanoe'e iaby i namantoha' i anjeli'
IEHOVÀy azey vaho rinamb'e i vali'ey. 25 Fe tsy niolora'e ampara' te nisamake i
tañoloñoloña'ey vaho nanoe'e IESOÀ ty añara'e.

# 2

*o Mpioniñeo*

1 Ie toly e Betleheme e Iehodà ao t'i IESOÀ, tañ'andro' i Heroda mpanjaka, le inge
totsak' e Ierosaleme ty mpañandro* maro boak' atiñanañe añe, 2 nanao ty hoe: Aia
i Mpanjaka' o Jiosio vaho samakey? Fa tinalake'ay atiñanañe eñe ty vasia'e†, vaho
pok'eo zahay an-dravoravom-piasiañe hitalaho ama'e. 3 Ie jinanji' i Heroda mpanjaka
le nitsiborehetoke reketse ze hene mpimone' Ierosaleme‡. 4 Aa le hene natonto'e o
androanavi'eo, vaho nañontanea'e he fohi' iareo ty hisamahañe i Norizañey. 5 Hoe
ty natoi' iareo: E Betleheme Iehodà ao, ty amy pinatetse amy mpitokiy ty hoe:
6 Ihe Betleheme Iehodà,
Efratà, tane' Iehodà,
Inao toe pininite'e
amo fifokoa' Iehodao rehe;
fe hirik' ama'o te hionjom-bamako
ty ho Mpifehe e Israele ao.§
7 Le kinanji' i Heroda i mpañandro rey naho natola'e vaho nitsikarahe'e am'iereo i
andro niboaha' i vasiañey*. 8 Nahitri'e mb'e Betleheme mb'eo iereo ami'ty hoe: Akia,
hotsohotsò i Ajaja-lahiy, ie rendre' areo, ampahafohino ahy, fa homb'ama'e mb'eo ka
raho hitalaho.
9 Ie nahajanjiñe i mpanjakay le nienga; naho indroy i vasiañe niisa' iereo atiñanañe
añey niaolo iareo ampara' te nipok' amy toetsey, nijohañe ambone' ty toe' i ajajay
ey. 10 Nifale iereo toe nirañorano an-kobay te nahaisake i vasiañey.
11 Aa ie nizilike an-traño ao le nitendreke aze naho i Marie rene'e; naho nitongaleke
aolo'e eo, niambane ama'e, nanokake o horo' iareoo naho nibanabana ravoravo
ama'e: volamena naho mañi-dè †vaho rame‡. 12 Hinatahata' ty anjely ami'ty nofy
iereo, nanoro t'ie tsy hibalike mb'amy Heroda mb'eo, aa le nimpoly mb'an-tane'
iareo añe nañorike lalan-kafa.

*Nikatsakatsake*

13 Ie añe, intoy, nisodeha amy Josefe ty Anjeli' IEHOVÀ, nanao ty hoe: Mitroara,
rambeso i Ajajalahiy naho i rene'e, mibioña mb'e Mitsraime añe vaho itaveaño
ampara' te tohineko, amy te paiae' i Heroda havetrake i Ajajalahiy. 14 Aa le nendese'e
i Ajajay naho i rene'e, 15 vaho nitambatse añe ampara' te niantantiritse t'i Heroda,
hañenefañe ty nampisaontsieñe i mpitokiy ty hoe:
Boake Mitsraime añe ty nitokavako ty Anako.§

*Fanjamanañ'Ajaja*

16 Ie nifohi' i Heroda ty nanoa' i mpañandro rey, le tsy hay aia ty habose'e, toe
niojeoje an-troke, vaho linili'e te hahitrike amo roandria'e iabio ty hanjamañe ze
hene anak' ajajalahy e Betleheme naho amparipari'e ao ze *nisamake ambane ty tao
nisaontsie' i mpañandro reiy te nisamaheñe i ajalahiy.
17 Niheneke amy zay ty nisaontsie' i Jeremia mpitoky:
18 Jinanjiñe e Rama ao

* 2:1 Magos: ie mahihitse, Heb: Rabbi † 2:2 Vol 4:17 ‡ 2:3 Ies 60:6 § 2:6 Mik 5:1; Jao 7:42 * 2:7 Vasiañe: anam-panjaka, ndra anjely † 2:11 Heb: libanos: karaza hatae mañitse ‡ 2:11 Heb: tovoño ty hoe: Toe mira § 2:15 Avo 4:22; Vol 24:8; Hos 11:1 * 2:16 sosoke: roe tao mañambane ty amy fotoañe...

ty fiarañanañañe;
fandalañe naho fangololoihañe mafaitse:
Mirovetse o ana'eo t'i Rahelie, ntt†

*Noly Mb'e Naz'rete*
*Lke 2:39*

19 Ie nihomake t'i Heroda, le nitoje amy Josefe e Mitsraime ao ama' nofy ty anjeli'
IEHOVÀ 20 nanao ty hoe: Mitroara, rambeso i Ajajalahiy naho i rene'e, le akia mb'an-
tane' Israele añe; fa mate o nipay hañoho-doza amy Ajajaio. 21 Aa le niongake re,
ninday i Ajajay naho i rene'e, nimpoly mb' an-tane Israele mb'eo. 22 Jinanji'e te
nandimbe i Heroda rae'e nifeleke e Iehodà ao t'i Horkanose‡, le nimarimarike tsy
te homb'eo. Aa le nirisihe' i Anjeliy ami'ty nofy re ty hitsile mb' an-tane Gilgale
añe. 23 Ie nandoake ao le nimoneñe an-drova atao Nazareta, hañeneke i nisaontsie'
o mpitokio te: Hatao nte-Naz'rete re.§*

# 3

*I Jaona Mpandipotse*
*Mar 1.2-6; Lke 3.3-6*

1 Nivotrake eo añ'andro rezay t'i Jaona Mpandipotse nitaroñe am-patrambei'
Iehodà ao, 2 le hoe re: Mitoliha am-pisolohoañe, fa mitotoke i fifehean-dindiñey!
3 hañeneke i nampisaontsieñe Isaia mpitokiy, ty hoe:
Ty fiarañanaña' ty mikoike,
Hajario am-patrambey ao
ty homba' IEHOVÀ, avantaño an-dratroratro ao o lala' i Andriananañaharen-tikañeio.*
4 Inge t'i Jaona, nisikim-bolon-drameva† naho nisadian-kolitsena mainte an-toha'e
naho betratra vaho tantele amboròvoke ty mahakama'e. 5 Le niavotse mb'ama'e
mb'eo ty boake e Ierosaleme, naho boak' Iehodà iaby, vaho boak' amy ze hene
fifeheañe mañohoke Iordaney, 6 ie nisoloho amo tahi' iareoo le nilipotse‡ am'
Iordaney, ty amy saontsi'ey. 7 Niisa'e te maro amo Fariseo§ naho Tsadokeo* ty
nivotrake amy filipora'ey, vaho nanoa'e ty hoe: Ry tiri' ty mereñe! Ia ty nanoro
anahareo ty hibotitsike amy haviñeran' Añahare ho tondrokey? 8 Mamokara vokam-
pisolohoañe ki'e; 9 ko mitsakore an-trok' ao ty hoe: Rae'ay t'i Abraàme; Eka! Ataliliko
ama' areo, te lefen' Añahare ty mampitroatse ty ana'e Abraàme boak' amo vato
retoañe.

*Mikoi-dava t' i Jaona*
*Mar 1.7-9; Lke 3:7-9, 16, 17*

10 Fa mañohatse am-poto-katae eo ty fekoñe; ho firaeñe naho forototoeñe añ'afo
ao ty tsy mamoa voa soa. Le hoe i màroy tama'e: Aa naho zay, ino ty hanoe'ay?
hoe ty natoi' i Jaona, ee te handiva raike ami'ty tsy manañe ze aman-tsaron-droe.
Aa le nimb'eo ondatio hilipotse, naho maro ty nañontane ty hoe: Ino ty hanoe'ay,
Le hoe ty natoi'e: Ko hembañe aman-dra ia ia naho ko itrevoha'o vaho mifalea amo
azoo. Aa le nañereñere naho nitsakore añ' arofo afa-boiñe ondaty iabio, ty hoe: he
IESOÀ t'i Jaona. 11 Hoe ty natoi' i Jaona am' iabikey: Inao, toe ampiliporeko an-tsam-
pisolohoañe nahareo, fe ho avy ty fatratse te amako, le tsy sazò ahy ty hampibalake
i talin-kana'ey; ie ty handipotse anahareo ami'ty afo' i Arofo Masiñey. 12 Am-pità'e

† **2:18** Iir 31:15 Grika: solo ty "ntt" ami'ty hoe: fe tsy mete hohòen-dre, amy t'ie tsy eo ka ‡ **2:22** Gr: tovo'e: toe Argelaose ty añara'e § **2:23** sabakan-engeñe, f'i natsare: tsampa. * **2:23** Zek 9:16; Ies 11:1; Zek 3:8
* **3:3** Ies 40:3 † **3:4** Rameva: biby bey fihare, finingirañe ‡ **3:6** Gr: Batitso: lipotse an-drano ao. § **3:7** tovoño: ndra Farizè * **3:7** tarira' i Tsadoke mpisorom-bey faha' i Selemò.

ty fanonga'e hamaopaoke ty toem-panonga'e vaho hanontoñe ty ampemba'e ampañajañ' ao fe ho forototoe'e añ'afo tsy mete akipeke o karafo'eo.

*Ty Niliporañe Iesoà*
*Mar 1.9-11; Lke 3.21-23*
13 Nihirike e Galilia t'iIesoà, nandoake am'Iordaney hilipotse añamy Jaona. 14 Fe
nisarasara t'i Jaona t'ie halipotse le nanao ty hoe: Tsy Ihe hao ty ho nandipots' ahy,
te ihe mb' amako? 15 Le hoe ty natoi' Iesoà aze: Iantofo, amy te mañeva antika ty
hañeneke ze havantañañe; aa le nampilipore' i Jaona.
16 Ie vaho nitroatse amy ranoy, le nisokafeñe o likerañeo vaho nivazoho'e nizotso
hoe deho i Arofon' Añaharey, nimoneñe ama'e. 17 Le inay ty fiarañanañañe boak'
andindìñe ey nanao ty hoe: Intoy ty Anadahiko, i kokoañey, vata'e kokoañe, ie ty
ifaleako.

# 4

*Zizy Valoha'e*
*Mar 1.12, 13; Lke 4.1-4*
1 Le nendese' i Arofo Masiñey mb' am-babangoañ' ao t'i Iesoà ho zizie' i
mpañìnjey*. 2 Nililitse efapolo andro naho efapolo halen-dre vaho nisaliko, 3 nitotok'
ama'e i mpañìnjey nanao ty hoe: Kanao Anan' Añahare, rehe, misaontsia amo vato
retoañe hiova ho mahakama. 4 Fa hoe ty natoi' Iesoà aze: Pinatetse ty hoe:
Tsy mahakama avao †ty mahaveloñe' ondaty
fa ze hene tsara‡ miakatse am-palie' Iehovà.§

*Zizy Faharoe*
*Lke 4.9-12*
5 Le nindese' i mpañìnjey mb'amy rova navaheñey mb'eo naho nampijohañe'e
an-digiligi' i anjomba miavakey 6 vaho nanoa'e ty hoe: Naho Andrianañahare rehe,
mitsambotraha ambane ey, amy te pinatetse ty hoe:

Fa linili'e ty ama'o o anjeli'eo
ty hitare Azo amo lia'o iabio,
naho*
o fità'iareoo ro hañongake Azo,
tsy mone hidasits' am-bato ty fandia'o
7 Hoe t'i Iesoà tama'e:
Ko tsohe'o t'Iehovà Andrianañahare'o.†

*Zizy Fahatelo*
*Mar 1.13; Lke 4. 5-8*
8 Aa le nendese' i mpañìnjey mb' an-dindim-bohitse añe vaho natoro'e aze ze kila
fifehea' ty voatse toy naho ty enge' iareo. 9 Le nanoa'e ty hoe: Hene hatoloko Azo o
retoañe naho ibaboha'o an-daharañe. 10 Fe hoe t'Iesoà tama'e: Soike ty mpañìnje‡!
fa pinatetse ty hoe:
Hitalaho am'Iehovà Andrianañahare'o rehe, vaho Ie avao ty hitoroña'o.§
11 Le nisitake aze i mpañìnjey, vaho niharineañ' anjely, niatrak' aze.

*Ty Fifotoram-Pitoroña' Iesoà*
*Mar 1:14, 15; Lke 4:14,31*

---
* **4:1** Heb: Hasatane, rafelahi' ty hatò † **4:4** Heb : Afara' ty "avao" solo: ntt ‡ **4:4** Tsara: Gr: Logos: venten-tsaontsy, § **4:4** Its 8:3 * **4:6** Grika toy Sab 91:11,12 † **4:7** Its 6:16 ‡ **4:10** Tovo'e ho a o Grikao: ndra satanose § **4:10** Its 6:13,14; 10:20; Ihs 24:14

12 Ie jinanji' IESOÀ, te nasese mb'am-balabey ao t'i Jaona, le nimb'e Gilgale
mb'eo. 13 Niarie'e ty Natseràle le nimoneñe e Kapernaome-raità* am-pariparin-tane'
i Zebolona añe, 14 hañeneke ty nisaontsie' Isaia mpitoky ami'ty hoe:
15 An-tane Zebolona naho an-tane Naftaly, ty lala' i riakey,
alafe' Iordaney—
Galilia' o kilakila' ondatio:
16 Fa nahaisa-kazavañe ra'elahy
ondaty mañavelo añ`ieñeo,
le fa nireandreañan-kazavañe o mitoboke
an-tanen-kamoromoroñañeo.†
17 Ie henane zay, namototse nitaroñe t'IESOÀ, nanao ty hoe: Misolohoa, fa mitotoke
i fifehean-dikerañey.

*Nijoboñe o Mpiama'e Valoha'eo*
*Mar 1.16-20*

18 Nidraidraitse añ' olo-driake Galilia eo t'i IESOÀ, le nahavazoho mpirahalahy roe,
i Simona atao Petrose‡, naho i Andrea rahalahi'e, nañifike o harato' iareoo an-driake
ao, amy t'ie mpiandriake. 19 Le nanoa' ty hoe: Oriho raho, vaho hanoeko mpañarato
ondaty. 20 Aa le nado' iereo amy oray o harato' iareoo vaho nañorike aze.
21 Ie nienga mb'eo, le nahavazoho mpirahalahy roe ka: Iakobe ana' i Zebedeele§
naho i Jaona rahalahi'e, mindre amy Zebedeele rae' iareo, nañajary ty harato' iareo
an-dakañe ao, vaho nikoihe'e. 22 Nihepakepake iereo nienga i haratoy naho ty
rae'iareo, nañorik' aze.

*Nañafake e Galilia añe*
*Mar 1.39; Lke 4.44*

23 Le nimb'eo mb'eo an-tane Galilia t'i IESOÀ, nañoke am-pivoria' iareo ao, naho
nitaroñe ty tolotse soa* i fifehean-dikerañey naho nañafake ze fonga areteñe
vaho ze hene hasilofañe am' ondatio. 24 Niboele nahatsitsike ty tane' i Sirià ty
nitalilieñe aze; le nasese mb'ama'e ze hene nitindrien-karazan' areteñe maro: o
angaran-kokolampao†, o volevolen' angatseo naho ze azo ty tsipelatse, vaho jinanga'e.
25 Valobohoke bey ty nañorike aze boake Dekapoly naho i Galilia naho Ierosaleme
naho Iehodà vaho alafe' Iordaney añe.

# 5

*Fitatañe*
*Lke 6.20-26*

1 Ie tendreke i lahialeñey le nitroatse mb'am-bohitse ey naho niambesatse vaho
nimb'ama'e mb'eo o mpiama'eo. 2 Nanoka-palie re, naho nañòke ami'ty hoe:
3 Haha o mirèke an-trok' aoo, fa a iareo i fifehean-dikerañey*.
4 Haha o miharovetseo fa hohoeñe†,
5 Haha o trentrañeo, fa handova ty tane toy.‡
6 Haha o mivalingoa naho miheahea
mipay havantañañeo,
fa hanjañeñe.§
7 Haha o miferenaiñeo,
fa hiferenaiñañe.*
8 Haha o malio añ'arofoo†, fa ho isa'iereo t'i Andrianañahare.

* **4:13** Tovo'e ho a o Grikao: Maritima † **4:16** Ies 9:1-2 ‡ **4:18** Petrose: Petera § **4:21** Tovo'e Grika: Zabadao ndra Zabadà * **4:23** Tovo'e Grika: ty mavangeleo † **4:24** Kokolampa: tea lampa: tea havilasy * **5:3** Ies 57:15; 66:2 † **5:4** Ies 61:2; 66:10,13 ‡ **5:5** Sab 37:11; Sab 37:9,11,22,29,34 § **5:6** Ies 55:1-2, Mat 4:4, Jao 6:48-51 * **5:7** Rzs 11:17 † **5:8** Sab 24:3-4

9 Haha o milozoke fifampilongoañe,‡
fa hatao anan’ Añahare.
10 Haha o samporeraheñe ty ami’ty hatòo§,
fa a iareo i fifehean-dikerañey.
11 Haha nahareo te injèñe naho ampisoañeñe vaho tambaimbaiñeñe, amy ze
fonga haloloañe ty amako, am-bolam-bande. 12 Mirebeha naho mandià taroba amy
te ra’elahy ty tambe’ areo andindìñe ao, fa hambañ’ amy zay ty nampisoañeñe o
mpitoky taoloo.

### *Sira naho Jiro**

13 Sira’ ty tane toy nahareo. Fe naho nàmoñe i siray, inoñe ty haniràñe aze? Toe tsy
vara fa hariañe alafe ao ho lialiàm-pandia. 14 Hazavàñe an-tane atoy nahareo. Tsy
lefe aetake ty rova namboareñe am-bohitse ey. 15 Tsy ameloman-jiro hampikopoke
aze añ’etake ao tsy hitapasàha’e, f’ie apoke am-pitàn-jiro eo, hañazava ze hene
añ’anjomba ao. 16 Aa le atsavavaho amy ze fonga ondaty ty hazavà’ areo, hitoroañe
o sata-soa’ areo ho rengeñe naho onjoneñe añatrefan-dRae’ areo andindìñ’aoo.

### *Hafonirañe o Lilio*

17 Ko atao’areo te nimb’ atoy raho hamaoke Hake, Tsy nimb’atoy handrotsake fa ty
hameno aze.†. 18 Eka, to t’itaroñako te, ampara’ te mihelañe añe i likerañey naho ty
tane toy, tsy ho faopaoheñe amy Hake ndra amo Mpitokio ze ana-tsoritse ndra hirike,
amy te kila ho heneke‡. 19 Ndra iaia miota ami’ty raike amy lily rezay vaho ampiohe’e
ami’ty ila’e, ro hatao kabeake amy fifehean-dikerañey; fe ndra iaia mañambeñe vaho
mañoke irezay, ty hatao jabajaba amy fifehean-dikerañey.
20 Taroñeko ama’ areo, naho tsy mandikoatse ty havañona’ o Fariseoo naho o
Androanavio ty havantaña’ areo§ le tsy hizilike am-pifehean-dikerañ’ ao nahareo.

### *Vono Ndaty*

21 Tsy fa jinanji’areo hao ty nisaontsieñe amo ntaoloo ty hoe:
Ko mañoho-doza*, naho:
Mikai-jaka mampihomake ty mpamono†?
22 Aa hoe raho ama’areo: Hiatre-jaka ty maha-viñetse i mpiama’ey tsy an-dengo’e,
naho hampiatrefem-pivory ze manao ty hoe aman-drahalahi’e: Itrotse rehe; vaho
mipay afo an-tsikeokeoke ao ze manao aman-drahalahi’e ty hoe: Ty gege tia. 23 Aa
ihe mibanabana an-kitrely vaho tiahi’o te anaña’ ty rañe’o kabò vaho itoreova’e, 24 le
adono aolo’ i kitreliy eo i enga’oy naho akia, ifampilongo heike, izay vaho hengae’o
i banabana’oy.
25 Ampanintsiño masìka i rafelahi’oy, ie mbe indreza’o fañavelo an-dalañe ey,
tsy mone hasese’e ami’ty zizy, le hasese’ i ziziy amy mpitoroñey, hampijoñe azo
am-porozò ao. 26 Eka, to t’italiliako, te tsy hiakatse ao ampara’ te avaha’o ty drala
honka’e‡.

### *Hakarapiloañe*

27 Fa jinanji’ areo i nitsaraeñe am’iereo haehae’ey, ty hoe: Ko mañarapilo.§ 28 Fe
hoe raho ama’ areo: ze mikiroke ampela hilà’e aze, le fa nanao hakarapiloañe an-
trok’ ao. 29 Naho mizizy azo ty fihaino’o havana, akatraho vaho ahifiho añe; hasoa ho

‡ **5:9** Ies 26:3 § **5:10** Pe I 3:14 * **5:12** Heb: Isam-pange’e ro mamototse hoe zao: Hoe t’i Iesoà amo mpiama’eo henane zay: (Mat 5:13,17,20,25,31,43 6:5,24 7:13, 18:23, 21:33, 23:34) Ndra: Hoe ka ty nanoa’e: 5:27, 6:2,16,19, 7:6,15,24; 10:23,34, 11:11,16, 25:31 † **5:17** Afindra afara’ i 5:19 toy ty amy rafetsey ‡ **5:18** Lke 16:17 § **5:20** Mat 23:28, 15:3-9, Mar 7:7-13, Jao 7:19, Top 7:53, Rom 2:23-27, Gal 6:13 * **5:21** Avo 20:13, Its 5:17 † **5:21** Its 16:18, Fi II 19:5 ‡ **5:26** Drala-honka’e: kodrantes: drala torisike bory hoe drala roe § **5:27** Avo 20:14, Its 5:18

azo te hianto ty fange'o raike ta te homb' an-tsikeokeoke ao ty vata'o iaby. 30 Tovo'e:
Ie manigìke azo ty fità'o, kitsiho; hasoa ho azo te ho rebake fange raike ta t'ie
havokovoko an-tsikeokeoke ao ary vatañe.

*Tsey Valy*

31 Fa jinanji' areo ty nitsaraeñe amo taoloo te: Ze mitsey valy ro hanolots' aze
takelam-pifanarahañe*.† 32 Itaroñeko te ze mañary valy, naho tsy t'ie nañarapilo, le
tsi-mete tsy itolorañe takelam-pifanarahañe; naho o hakarapiloañeo, mañarapilo i
lahilahiy vaho karapilo ty mañenga i nariañey.

*Sangy*

33 Toe jinanji' areo ka ty nisaontsieñe amo taoloo,
Ko mifànta vìlañe ami'ty añarako,
le avaho am' IEHOVÀ o nifantà'oo.‡?
34 Fe hoe raho ama' areo: ko manao fanta tsy vente'e aman-dra inoñ' inoñe,
ke amy likerañey,
fa ie ty fiambesan' Añahare;
35 he ami'ty tane toy,
amy te ie ty fitongoàm-pandia'e§;
ke am' Ierosaleme,
fa ie ty rovan' Añahare*,
36 he ami'ty añambone'o ie tsy mahafoty ndra mahamainte ty maròy raike. 37 Ehe
te ho Eka ty hoe Eka, naho ho Aiy ty hoe Tsie, fa hirik' amy ratiy ze tovo'e.†

*Valefate*

38 Toe jinanji'areo ty nitsaraeñe amy Hake:
Fihaino soloam-pihaino,
naho fihitsike soloam-pihitsike.‡
39 Fe hoe raho ama' areo:
ko vale'o raty ty raty.§
Fa ze mandrara-tehake azo am-piambina'o havana, atoliho ama'e ka ty havia. 40 Ty
te hanesek' azo an-jaka, higaoñe i saravi'oy, afofio ama'e ka ty saro'o. 41 Ze manjizy
azo hañavelo arivo lia, mindreza ama'e ro'arivo. 42 Anoloro ty mihalaly ama'o, le ko
ifoneña'o ty te hisongo ama'o.

*Fikokoañe* *

43 Fa jinanji' areo ty nitsaraeñe amo taoloo:
kokò ty marine azo†, vaho
hejeo ty malaiñe azo.‡
44 Fa hoe ka raho ama'areo: Kokò o rafelahi'oo, tatao ty mamatse azo, le hasoao
ty malaiñe, vaho mihalalia ho a o mampisoañe naho mamorekeke azoo, 45 soa t'ie
ho anan-dRae' areo andindìñe ao; fa songa ampanjirihe'e amo ratio naho amo soao
i androy, vaho ampahavie'e amo vantañeo naho amo tsy vokatseo i orañey§. 46 Aa
naho o mikoko anahareoo avao ty kokoa' areo, inoñe ty ho tambe' areo? Tsy zay
hao ty anoe' o mijiajiao amo mikoko iareoo? 47 Aa naho o longo'areo avao ro
añontanea'areo, ino ty anoe'o mandikoatse o kilakila'ndatio. 48 Aa le mivantaña
manahake te vantañe t'i Rae' areo*.

---

* **5:31** Tovo'e Grika: ndra libela repodio † **5:31** Its 24:1, Mat 19:9 ‡ **5:33** Sor 19:12 § **5:35** Ies 66:1 * **5:35** Sab 48:2 † **5:37** Its 23:21; Sor 19:12 ‡ **5:38** Avo 21:24; Sor 24:20; Its 19:21 § **5:39** Sab 37:1, 8; Rzs 24:19 * **5:42** Lke 6:27, 32 † **5:43** Rzs 8:17, Its 19:18 ‡ **5:43** Tsy atoy, fa ami'ty Fañèm-Pilieram-batañe Komrane 9:21-26 § **5:45** Lke 6:35, Top 14:16-17: * **5:48** Fot 17:1, Mp1 8:61, Sab 119:1, Jn1 2:5, Heb 6:1

# 6

*Ty Fañasoañe*

1 Mitaòa, hera hanoe’ areo añatrefa’ ondatio o fatariha’ areoo, hitsiriria’ iareo, f’ie
ho po-tambe aman-dRae’ areo andindìñe ao.
2 Ie mitolon-kavantañañe, ko mikoi-dava ndra mitioke trompetra hiaolo azo
manahake o soamiatrekeo* fa anoe’ iereo an-dalaño naho an-tsena ey o falalà’ iareoo
soa te ho isa’ ondaty. Eka! to ty asako ama’o t’ie fa nandrambe tambe. 3 F’ihe naho
manao fatarihañe, ko ampahafohineñe ty fità’o havia ty anoem-pità’o havana 4 soa
te hihaja i fatariha’oy; le i Rae’o mahavazoho añ’etake ro hanambe azo.

*Ie Miloloke*
*Lke 11.2-4*

5 Ie mihalaly rehe, ko mañonjom-peo, le ko manao soamiatreke lonjetse, mpitea
halaly am-pitontonañe ao naho an-kotson-kiririsa ey, miloloke an-dreham-piriñake
hijanjiña’ ondaty hilombofa’e. Eka! to t’itaroñako t’ie fa aman-tambe.
6 Fa ihe, naho miloloke, miziliha am-pandrea’o ao le agabeño ty lala’o, naho
milolofa aman-dRae’o am-bangiñe ao, vaho ho tambezen-dRae’o mivazoho añ’ etake
ao.
7 Inahareo ka, naho mihalaly, ko mibeobeoke manahake o tsereheñeo, ie atao’iereo
ho janjiñeñe ty amo figaradadàha’ iareoo. 8 Aa le ko itsikombeañe. Ami’te arofoanan-
dRae’ areo andindiñe ao o enta’ areoo aolo’ ty ihalalia’areo?†
9 Inao ty hilolofa’ areo:
Ry Rae’ay andindiñe ao,
ho masiñeñe ty tahina’o.
10 Ho tahieñe ty fifehea’o,
hanoeñe an-dindiñe ao
naho an-tane atoy o satri’oo.
11 Atoloro anay nainai’e ty mahakama’ay,
12 Apoho o tahi’aio,
manahake ty ihevea’ay o anaña’ay hakeoo.
13 Ko minday anay mb’an-kaozaram-panjiziañe,
fa kalaño amy ze atao raty‡,
[toe Azo ty fifeheañe, ty haozarañe vaho ty engeñe nainai’e.]§ Amene.
14 Naho hevè’ areo ty hakeo’ ondaty, le ho hahà’ i Rae’areo andindìñey ka o
tahi’areoo. 15 Fe naho tsy apo’ areo ty hakeo’ ondaty, tsy ho hahàn-dRae’areo o
tahi’areoo.

*Lilitse*

16 Ie mililitse, ko manao laharam-pandalàn-tsoamiatreke, mañamonjetse laharañe
hisenge te mililitse añatrefa’ ondaty. Eka! to t’itaroñako t’ie fa nahazo tambe. 17 F’i-
he, naho mililitse sasao ty añ’ambone’o; 18 tsy mone ho oni’ ondaty t’ie mililitse, naho
tsy t’i Rae’o añ’etake ao, vaho i Rae’o mahavazoho an-kafits’aoy ro hanambe azo.

*Vara*
*Lke 11.34-36; 12.22-34*

19 Ko mitolom-pamotry vara an-tane atoy, habotse’ ty oletse naho ty eno, ndra
hipoñafa’ ty mpikizo hañaoke.
20 Mañajà vara andindìñ’ ao, ami’ty tsy hagedra’ ty oletse naho ty eno, mbore tsy ho
gorobahe’ ty mpikizo hamaoke; 21 fa ami’ty nampipoha’o o vara’oo, ao ka ty arofo’o.

* **6:2** Tovo’e Grika: ndra ipokrate † **6:8** Ies. 65:24 ‡ **6:13** Mat 26:41 § **6:13** Sab 145:11,12:

22 Failo’ ty sandry ty fihaino’o*, ie vantam-pañente o fihaino’oo le tsy haieñe ty
sandri’o. 23 Aa naho mitsikirike† o fihaino’oo, le himoromoroñe iaby ty vata’o; ie
maieñe ty zava ama’o ao, le hene haieñe o lala’oo!
24 Tsy eo ty mahafitoroñe talè roe, hera ho falai’e ty raike naho hikokoa’e ty raike,
ke hiasia’e ty raike vaho sirikae’e ty raike; tsy lefe’areo toroñeñe t’i Andrianañahare
naho ty voatse toy.
25 Inao ty itaroñako, Ko marimarihe’ areo ty havelo’areo, ty ho kamae’ areo ndra
ty hinoma’ areo, vaho ty sandri’ areo, ty hisafora’ areo. Tsy likoare’ ty troke hao ty
mahakama, naho ty sandriñe ty sikiñe?
26 Heheke o voron-dikerañeo: tsy mitongy, tsy mandrofotse vaho tsy mañoroñe
an-driha, fa fahana’ i Rae’areo onjoneñey. Tsy sarotse te am’iereo v’inahareoo?
27 Ia ama’ areo, te mahimahiñe ro mahatovoñe ty haabo’e kiho raike?
28 Aa ino ty marikarihañe amo saroñeo? Birèto o befelañe‡ an-tetekeo, ty fitiri’e;
ie tsy mandrorotse, tsy manenoñe, 29 fe itaroñako te, ndra i Solomona ami’ty enge’e
iaby, tsy nihamiñe manahake ty raike ama’e. 30 Aa naho zay ty ampisikinan’ Añahare
ty vinda am-bare mizorazora ao, ie maindoñe androany naho miheatse vaho ahifike
an-toñake ao hamaray; tsy mandikoatse zay hao nahareo ry kede fatokisañe?
31 Aa kanao zay ty itarean’ Añahare, ko mihakahaka manao ty hoe: Ino ty ho
hane’ay? ndra, Ino ty ho nome’ay? ndra ino ty ho sikina’ay, 32 amy t’ie hene paie’ o
sandriñeo, vaho arofoanan-dRae’ areo ze paia’ areo iaby. 33 Tsoeho hey i Fifehean’
Añaharey naho ty havantaña’e; vaho hene hatolotse anahareo. 34 Ko angovitañe ty
hamaraiñe, fa ho vazobazore’ i hamaraiñey o azeo. Tsahatse ty andro o haembera’eo.

# 7

*Zaka’ Ondaty*
*Lke 6.37-42*
1 Ko mirihy, hera ho zakaeñe. 2 Ami’ty fizakañe izakà’ areo ty anjakañe anahareo,
naho ty fañaranañe añarana’ areo ro añaranañe ama’areo. 3 Akore te biribirie’o
ty ahetse am-pihaino’ ondatio, fe tsy isa’o i boda am-pihaino’oy? 4 Akore ty anoa’o
am’indatiy, ty hoe: Eo heike, hañifihako o ahetse am-pihaino’oo; te mone hehe ty
boda am-pihaino’o ao? 5 Soamiatreke! Ahifiho añe hey o boda a’ maso’oo, zay rehe
vaho hahafibiretse, hañifike i ahetse am-pihainon-drañe’oy.
6 Ko atolotse ami’ty amboa ty hena miavake, naho ko apoke aolon-dambo eo o
hange’ areoo ke ho vazañe’e; hera hitolike handrimitse azo.

*Mihalalia, Mikodebea, Mampikonkoña*
*Lke 11.9-13*
7 Mihalalia aman’Añahare, le ho tolorañe, mikodebea le hahaoniñe,
mampikonkòña le hisokafañe; 8 amy te songa mahazo ze mihalaly, hahaisake ty
mitsoeke; vaho ho sokafañe ty mitrehentreheñe. 9 Ia ama’areo, naho ipaia’ ty ana’e
mofo, ro hañomey aze vato? 10 Ke ihalalia’e fiañe, ro hanozoa’e mereñe? 11 Aa ndra
te raty nahareo ro mahay mifampanjotso raha soa, sandrake t’i Rae’ areo andindiñe
ao ro hanolotse i Arofo’e Soa amo mihalaly ama’eo.

*Lily Volamena*
*Lke 6.31*
12 Aa ndra inoñ’ inoñe ty tea’ areo hanoe’ ondaty ama’areo, anò am’iereo. Fa zay
t’i Hake* naho ty tsaram-pitoky.

* **6:22** Heb: Fihaino: hilala, fatarihañe † **6:23** Heb: dagola ndra matity ‡ **6:28** Abeja’e: Gilione * **7:12** Hake: i boke lime’ i Mosè; ze lilin’Añahare.

### *Ty Làlañe Roe*

[13] Iziliho i làlambey maifitsey, fa mivañavaña ty lalambey naho laleke ty lalañe mb'am-piantoañe mb'eo vaho maro ty mimoake ao. [14] Mizìtse ty lalam-bey naho mikitìtse ty oloñoloñe mañity mb'an-kaveloñe mb'eo; Tsy ampeampe ty mahaoniñe aze.

### *o Voa'eo*
### *Lke 6.43-45*

[15] Itaò o mpitoky vìlañe† miheo mb'ama' areo am-bolon' añondrio, te mone amboa romotse ty am-po ao. [16] O sata'eo ro hahafohinañe iareo; potore' ondaty am-patike hao ty valoboke? Ke amo farehetseo ty sakoañe? [17] Hene mamoa voa soa ze hatae soa, naho fonga mamoa voa raty ty hatae mimontamontañe. [18] Tsy mete mamoa voa raty ty hatae soa, naho tsy lefe' ty hatae raty ty hamoa voa soa. [19] Hene forototoeñe añ'afo ao ze hatae tsy mamoa voa soa, [20] aa le o voa'eo, toe o sata'eo, ty hahafohinañe iareo.

### *Mizilike ao ty Mpañorike Hake*
### *Lke 6.46*

[21] Amy te tsy ze fonga manao amako ty hoe: Talè, ro himoake amy fifehean-dikerañey, fa ze manao o satrin-dRaeko an-dindìñeo ty hizilike am-pifehean-dikerañey ao. [22] Amy andro zay maro ty hanao amako ty hoe: O Talè, Talè, tsy i tahina'oy hao ty nitokia'ay? naho i tahina'oy ty nañaria'ay kokolampa, mbore i tahina'oy ty nanoa'ay raha tsitantane maro? [23] F'ie hanoako ty hoe: Le lia'e tsy nifàntako nahareo, misitaha amako ty mpitolon-tsereke retia.‡

### *ty Mpamboatse roe*
### *Lke 6.46-49*

[24] Aa ze hene mahajanjiñe o volako rezao naho itoloña'e, ro razañeko amy t'indaty mahihitse nañoreñe anjomba an-damilamy. [25] Nikojojojoaha' i orañey, naho nifofoha' o tiokeo, f'ie tsy nirotsake, amy te lamilamy ty mananta'e. [26] Ze mahajanjiñe o volakoo, fe tsy tarè'e§, le hambañe amy t'indaty minèñe nañoren-traño am-paseñe.
[27] Nilihitse i orañey, nitorotositse i sorotombakey, namaoke i trañoy i tiokey, naho nihotrake vaho havaràta ty fideboña'e.

### *Toe aman-dily*

[28] Ie nitsara i entañe zay t'Iesoà, le hene nilatsa amy fañoha'ey; [29] amy te an-kaozaram-bey i fitaroña'ey, tsy nanahake o androanavi' iareoo.

# 8

### *ty Angamae*
### *Mar 1.40-44; Lke 5.12-14*

[1] Ie nizotso boak'am-bohitse ey t'i Iesoà le norihe' i lahialeñey, [2] Intike te pok' eo ty aman' angamae niambane ama'e, nanao ty hoe: O Rañandria, mahajangañ' ahy v'iheo? [3] Nahiti' Iesoà ty fità'e, nitsapa aze le nanao ty hoe: Satriko t'ie halio, maliova.
Le nilioveñe amy haangamae'ey re amy ora* zay. [4] Le hoe t'i Iesoà tama'e: Mitaoa tsy hatalili'o ama' ondaty, fe akia mb'amy mpisoroñey mb'eo, le ibanabanao ty enga linili' i Mosè amy Ha'areoy.

### *Ty Mpitoro' i Mpifele-jatoy*
### *Lke 7.1-10*

† **7:15** 7:23, Iir 5:31, 6:13, 14:14, Iek 13:9, Fi II 18:22 ‡ **7:23** Sab 6:8; Mat 7:15, 13:41-42 § **7:26** Mat 7:15,13:41-42
* **8:3** Ora: Gr. naho Heb: 'Hora': ty haela' ty fangen-antoandro ie zaraeñe folo-ro'amby mifototse ami'ty manjirik'andro pake tsofots'andro.

5 Ie nigodañe mb’e Kapernaome-hamartà ao t’i Iesoà, le nifanalaka ami’ty mpifehe-
zato nihalaly ama’e 6 ty hoe: O Rañandria, màndre an-trañoko ao i ana-dahikoy,
tokoe’ ty hakepeke†, ie deme’e ty amy hasilo’ey. 7 Hoe t’i Iesoà tama’e: Homb’eo raho
hañafak’aze. 8 Aa hoe ty natoi’ i mpifehe-zatoy: O Rañandria, tsy sazò ahy ty homba’o
ambane’ tafo-trañoko ao, iantofo avao, le ho jangan-dre. 9 Mpanan-kakeo raho, naho
manan-dily‡ aman-tsoavala reke-piningitse; ie anoeko ty hoe: Dañe! ami’ty raike le
mandeha, Mb’etoa, le pok’eo, vaho amo mpitorokoo ty hoe: Ano zao, le anoe’iereo.
10 Jinanji’ Iesoà, le nilatsa vaho hoe re amo mpañorike azeo: Eka! to t’ivolañako te
mbe tsy nahatrea fatokisam-bey manahake zao e Israele ao raho. 11 Taroñeko ama’
areo te maro ty hitotsake boak’ atiñanañe añe naho hirik’ ahandrefañe añe hitrao-
pitofàñe amy Abraàme naho am’ Isaka vaho am’ Iakobe amy fifehean-dikerañey, 12 fe
hafetsake an-kamoromoroñan-tsikeokeok’ ao o ana’ i fifeheañeio; fangolololoihañe
naho ali-vazañe ty ho ao.
13 Le hoe t’i Iesoà tamy mpifehe-zatoy: Akia; fa ama’o ty amy natokisa’oy, vaho
nijangañe amy ora zay i ajalahiy.

### *Ty Rafoza’ i Petera Ampela*
*Mar 1.29.34; Lke 4.38-41*

14 Ie henane zay, nizilike añ’anjomba’ i Petera ao t’i Iesoà, le naheo’e te natindri’
ty hamae-sandriñe i rafoza’e ampelay. 15 Nitsapae’e ty fità’e le nisitak’ aze i
firemporempo’ey, vaho nitroatse nitoroñ’ aze.
16 Ie tsatoke i harivay, le nendese’ iareo ama’e o vinolevolen-kokolampao naho hi-
naha’e an-tsara avao, vaho nafaha’e iaby ze hasilofañe, 17 hañenefañe i nisaontsieñe
añam’ Isaia mpitoky, noro an-tiahiy, ty hoe:
Toe rinambe’e o hakepehan-tikañeo, vaho nivavè’e o hasilofan-tikañeo.§

### *Naho te ho Mpiama’e*
*Lke 9.57-62*

18 Ie nivazoho’ Iesoà te niarisehoa’ i lahialeñey, le nafanto’e te hitsake mb’alafe
i riakey eñe. 19 Le pok’eo ty androanavy* nanao ty hoe ama’e: O Talè, hañorik’
Azo raho ndra aia’aia ty hañaveloa’o. 20 Le hoe ty natoi’ Iesoà aze: Manan-joho o
farasio, aman-traño o voron-dikerañeo, fe tsy aman’ ankalañe ty añambone’ i Ana’
ondaty, ana’ i tsy nahavanilahiy†. 21 Hoe ty nanoa’ ty mpiama’e raike: Apoho hey
raho hiavotse handentek’ an-draeko. 22 Hoe t’i Iesoà tama’e: Oriho raho; adono
handeveña’ o mihomakeo o vilasi’ iareoo.

### *Nipendreñe i Riakey*
*Mar 4.35-41; Lke 8.22-25*

23 Nijon-dakañe t’i Iesoà naho nindre ama’e o mpiama’eo le 24 nikofaoke amy
riakey ty tio-bey naho loho nikabokaboke o onjao vaho natao te hifoifoy i lakañey.
25 Nimb’ama’e mb’eo o mpiama’eo nihalaly ama’e ty hoe: O Talè, rombaho zahay, tsy
mone hivetrake. 26 Hoe re tam’iereo: Ino ty ifampitoliha’ areo, ry kede fatokisañeo?
Niongake re, le trinevo’e i tiokey naho i riakey hitsiñe, le nipendreñe ami’ty manao
zao. 27 Nitrea’ ondatio le nilatsa vaho nanao ty hoe: Ia v’itoy t’ie manao i satri’ey o
tiokeo naho i riakey?

### *Anga-draty am-po Lambo*
*Mar 5.1-17; Lke 8.26-37*

28 Ie tafatsàke i riakey, le niheo mb’ an-tane Gadarý‡ alafe’ i riakey eñe, naho
nifankanjò ama’e t’indaty roe vinolevolen-kokolampa hirike amo kiborio, hay aia

† **8:6** Tovo’e: toe paralatiko ‡ **8:9** Isosoho: amo Fariseoo, naho § **8:17** Ies 53:4 * **8:19** Mpanoki-dily: toe mpañotsohotso naho mpañanatse Hake † **8:20** Ies 7:14 ‡ **8:28** Tovo’e ami’ty Grika: ndra, Ginitrarose

ty fidabadoà’ iareo, kanao tsy nahafiranga mb’eo ondatio. 29 Nitazataza ty hoe
ama’e iareo: Inoñe ty iharoan-tika, IESOÀ, Anan’ Añahare? Niheo mb’etoañe aolo’ i
àndroy v’iheo hampisoañe naho handrotsake anay? Hoe t’i IESOÀ am’iereo: Mivoraha
boak’ ao ty valobohòke lo retia. 30 Nandrazeñe ey hoeke ey ty mpirai-tron-dambo
maro, 31 le nitoreova’ o kokolampao ami’ty hoe: Kanao tsy mete tsy iakara’ay,
añomeo lily himoaha’ay amo mpirai-tron-dambo eio. 32 Le hoe re tam’ iereo:
Soike! Le nifaoke ama’e iereo, nitsamoake amy lambo rey; naho nitsondemboke amy
zao i mpirai-tro-damboy nidorasitse mb’an-driake mb’eo vaho niòpo an-drano ao.
33 Nangebahebake o mpiarakeo le nitriban-day, naho fonga natalili’iereo an-drov’ao,
vaho hene nirevendreveñe i rovay. 34 Niavotse mb’eo iereo hanalaka IESOÀ; niisa’
iereo naho nihalaly ama’e te tsy hitoam-ban-tane’ iareo.

# 9

### *Ty Lahilahy Kepeke*
### *Mar 2.1-12; Lke 5.17-27*

1 HNijon-dakañe t’i IESOÀ, le nimpoly mb’an-tanà’e mb’eo iereo. 2 Nendeseñe
ama’e ty nisilofa’ ty hakepehañe* nandre an-tihi’e eo; nivazoho’ IESOÀ ty fatokisa’
iareo le hoe re am’ indaty silokey: Anake, misomoboha fa hinaha ty figahiñan’
Añahare o tahi’oo. 3 Hoe ty nitsakorean’ arofo’ o androanavy ila’eo: Miteratera
itìa. 4 Nioni’ IESOÀ o vetsevetse’ iareo, le nanoa’e ty hoe: Ino ty aereñerea’ areo raty
añ’arofo ao? 5 Ty aia ty mora volañeñe, ke ty hoe: Malio hakeo rehe, he ty hoe:
Mitroara, mañaveloa? 6 Fe, ty hampahafohinañe anahareo te aman-dily an-tane
atoy i Ana’ ondatiy hañaha tahiñe: le hoe re amy nisilokey: Mitroara, rambeso o
tihi’oo vaho mañaveloa. 7 Niongake re, nimpoly mb’an-kiboho’e mb’eo. 8 Nahaisake
i lahialeñey le loho nañeveñe vaho nandrenge an’ Andriananañahare mpanolotse
faozarañe hitoloñe hoe zay am’ondatio.

### *Kinanji’e t’i Matio*
### *Mar 2.14; Lke 5.27, 28*

9 Ie nienga t’i IESOÀ, le nahavazoho ondaty niambesatse am-pandambañam-
pifampikaloan-drala eo; i Matio† ty tahina’e. Le hoe re tama’e: Antao hañorike ahy.
Aa le niongake re nañorike aze.

### *Mpanaha To*
### *Mar 2.15-17; Lke 5.29-32*

10 Nampihova’e añ’anjomba hikama, le ie nikama, intoa ty piaroteñe naho lo-
tsereke maro am-pandambaña’e eo, le hehe t’ie nitrao-pikama amy IESOÀ naho amo
mpiama’eo. 11 Nioni’ o Fariseoo zay le nanao ty hoe amo mpiama’eo: Ino ty itraofa’
i Talè’ areoy fikama amo piaroteñe naho borololoo? 12 Jinanji’ IESOÀ zay, le hoe re:
Tsy o jangañeo ro mipay ho tahañe, fa o silokeo. 13 Akia, tsatsiho hey i pinatetsey:
Fiferenaiñañe ro paiako fa tsy soroñe‡;
tsy nivotrake atoy raho hañaha o vantañeo, fa o mpanan-tahiñeo.

### *Tsy Mililitse Heike*
### *Mar 2.18-22; Lke 5.33-39*

14 Le nomb’ama’e mb’eo o mpiamy Jaonao, nanao ty hoe: Manao akore te beteke
mililitse zahay naho o Fariseoo, fe tsy mililitse o mpiama’oo? 15 Le hoe ty natoi’ IESOÀ:
Tsy mahafirovetse ndra mililitse o mpiamy mpañengaio t’ie mbe am’iereo? Ho avy
ty andro hanintahañe i mpañengay, zay iereo vaho hililitse. 16 Tsy eo ty mampianto
ty ila’ ty sikiñe vao ami’ty tsorodea, amy te manibake i tsorodeay i takekey mañindra

* **9:2** Tovo’e ami’ty Grika: ndra paralitiko † **9:9** Nabeja’e ami’ty Grika: Matieo ‡ **9:13** Hos 6:6

i riatsey. 17 Mbore tsy añiliñañe divay vao ty zonjon-kolitse hambo'e, ke hipoñake i
holitsey le hilongañe i divaiy, vaho hianto i holitsey; aiy! toe ailiñe an-jonjon-kolitse
vao ty divay vao le songa mihaja i roroey.

*Nisotrake*
*Mar 5.21-43; Lke 8.40-56*

18 Ie sinaontsi'e zay, pok'eo ty roandriañe niambane ama'e, nihalaly ty hoe: O Talè,
nisimba aniany i anak' ampelakoy, ehe mihavia, hampitongoà'o fitàñe, hameloñ'aze.
19 Niongake t'i Iesoà le nimbeo, ie naho o mpiama'e ama'eo.

20 Intia, te nimb'am-boho'e ao nitsapa ty riran-tsarimbo'e§ ty rakemba nisilofe'
ty lio-lava folo taoñe ro'amby; 21 ie naereñère an-trok'ao ty hoe: Ndra te i
saro'ey avao ty paoheko, le ho haha amy zao. 22 Nitolike t'i Iesoà le nanoa'e ty
hoe: Misomobòha anako, ty aman' Añahare, andriañen-dre, fa nahajangañ' azo o
fatokisa'oo. Nijangañe amy oray avao re.

23 Ie nizilike añ'anjomba' i roandriañey ao, le nahavazoho ondaty maro nandala,
24 le nanoa'e ty hoe: Miavota iaby, vaho ko mirovetse, miroro i ajajampelay fa tsy
simba. Fe natao' iareo ho ondaty misole, le hoe iereo, Tsy nitrean-tika hao t'ie
nirobake? 25 Aa ie nakare' Iesoà alafe ao, le niheo mb'ama'e re nitsapa ty taña'e
vaho nitroatse i ajajampelay. 26 Niboele amy tane iabiy i talily zay.

*Nahaoniñe t'i Goa*

27 Nisitake t'i Iesoà, le nihitrihitry mb'ama'e ty fey roe nikaikaike ty hoe: Tretrezo
zahay, ry Ana' i Davide. 28 Ie avy amy anjombay, le nisitsitse mb'ama'e i fey rey, naho
nanoa'e ty hoe: 29 Hampijangañe anahareo ty fatokisa' areo. 30 Niboleake amy zao o
fihaino' indaty roe reio vaho nahaisake; nafanto' Iesoà am'iareo ty hoe: Asoao tsy ho
fohiñe i raha zay. 31 Niavotse mb'eo amy zao iereo nanitsike i taney, haharendrehae'e
aze.

*Nisaontsy t'i Moañe*

32 Nienga t'i Iesoà, le nasese mb' ama'e t'indaty moañe niangara' ty kokolampa.
33 Naria'e i kokolampay le nisaontsy i moañey. Nilatsa i lahialeñey, nanao ty hoe:
Mbe lia'e tsy niisan-tika e Israele atoa ty manahake zao. 34 Hoe o Fariseoo: Toe i
talèn-kokolampay ty añaria'e anga-draty.

*Tsy Ampe o Mpiekeo*

35 Niariary mb'amo rova naho tanàñe iabio re nañoke amo fitontona' iareoo,
naho nitaroñe i talili-soay naho nañafake ze hene areteñe vaho ze atao halemeañe.
36 Nivazoho' Iesoà i lahialeñey, le niferenaiña'e, amy t'ie nifoezapoezake, nan-
drenàndre ey hoe añondry tsy amam-piarake. 37 Le hoe re amo mpiama'eo: Maro
o ampemba mizorazora eio, fe tsy ampe o mpanatakeo. 38 Aa le halalio t'i Talè' o
mahakama mizorazorao ty hañiraha'e mpanatake maro hanatake o ampemba'eo.

# 10

*Nañirake i Folo-Roe'Amby rey*
*Mar 6.7; Lke 9.1*

1 Tsinikao' Iesoà i mpiama'e folo ro'amby rey naho nomea'e lily amo anga-draty
iabio, hañariañe irezay, vaho hampijangañe ze hene hasilofañe naho ze arete-
mandrambañe. 2 Zao ty tahina' i folo ro'amby nitokaveñe Firaheñe rey:
I Simona atao Petera,
naho i Andrea rahalahi'e;
3 i Filipo naho i Bartolomeo;

§ **9:20** Vol 15:37-41, Its 22:12

Iakobe* naho i Jaona rahalahi'e ana' i Zebedeele;
i Tomasy naho i Mat'tý†, ie nifohiñe ho
mpampisongo mpangalak'ana'e;
Iakobe ana' i Alofey naho i Tereose;
4 i Simona nte Kanana‡,
vaho i Joda Askareiotà nifotetse azey.
5 Nirahe' Iesoà i folo ro'amby rezay le nafanto'e ami'ty hoe: Ko mañavelo mb'an-
tane' o kilakila ondatio, vaho ko migodañe mb' an-drova' o nte Samariao. 6 Akia
mb'amo añondry nandrike amy anjomba' Israeleio. 7 Taroño am'iereo te ho heneke
i fifehean-dikerañey. 8 Jangaño o marareo, ampolio amo vilasio ty haveloñe, liovo o
angamaeo, mañaria kokolampa; le ko mandrambe sara, fa am-patarihañe ty nahazoa'
areo, matariha ka. 9 Ko mamotry vola-mena ndra vola-foty; ndra vara an-kontra'
areo; 10 ndra sikiñe halimbe, ndra hana, ndra kobaiñe am-pita'areo; amy te mañeva
rima mahaeneñe ty mpièke.
11 Amy ze tanàñe ndra rova iziliha' areo, añontaneo, ia t'indaty vañoñe ama'e, le
mitambara ao ampara' te mienga. 12 Ie mizilike añ'anjomba ao, ampanintsiño ami'ty
hoe: Hanintsiñe ty anjomba toy, naho Faňanintsiñe amy ze hene mpimoneñe ama'e.
13 Ie mañeva i anjombay, le ho ama'e i fañanintsi' areoy, f'ie tsy mañeva le himpoly
ama' areo i fañanintsi' areoy. 14 Naho eo ty tsy mampihova, tsy mañaoñe anahareo,
le avoto i anjombay vaho ahintsaño ty deboke am-pandia' areo. 15 Eka! to t'itaroñako
te soa ho a i Sodoma naho i Gomora amy andro zay te amy rovay.

### *Fampisoañañe*

16 Inao, ahitriko hoe añondry añivo amboa-romotse nahareo; aa le mahihira hoe
mereñe vaho manoa hatso-pon-deho. 17 Itaò ondatio, fa tsy am-pivori' iareo naho
amo anjomba fitontona' iareoo ty aneseañe anahareo, 18 fa amo mpifeheo naho
amo mpanjakao, hahafitaroña' areo ahy am' iereo naho amo kilakila'ondatio. 19 Ie
tsepahe' iereo, ko aliheñe amy ze ho saontsie' areo, fa hatolotse amy ora paiañe azey
ty ho saontsie' areo. 20 Tsy inahareo ty hisaontsy, fa i Arofo-Masin-dRaekoy ty hitsara
añama'areo.
21 Hasesen-drahalahy ty rahalahi'e havetrake, naho ty rae ty ana'e§; hitroatse
aman-droae'e o anakeo, haneseke iareo ho koromaheñe. 22 Ho fañinjeañe naho
fañembañañe amy ze hene fifeheañe nahareo ty ami'ty añarako, fa ze mahafeake
pak' amy figadoñañe nifantañañey ty ho rombaheñe*. 23 Ie horidañeñe ami'ty rova
toy, mitribaña an-day mb'ami'ty ila'e. Eka! to t'itaroñako te, tsy ho tsitsi' areo o
rova' Israeleo ampara' te totsake i Ana' ondatiy.
24 Tsy ambone' i talè'ey ty mpiòke, naho tsy ambone' i tompo'ey ty ondevo.
25 Mahaeneñe i mpiokey te ho hambañe amy talè'ey, naho te hanahake i tompo'ey
ty mpitoroñe. Aa naho natao' iereo Baalzebobe† i talèn' anjombay, àntsake o ana'
i anjomba'eio. 26 Ko ihembañañe, amy te tsy eo ty tsy haboake ndra mietake ze tsy
hampahafohinañe. 27 Ze itaroñako añ'ieñe ao, isaontsio an-kazavàñe ey; naho ze
janji'areo an-dravembia, itseizo an-dalambey.
28 Ko mirevendreveñe amo mpamono sandriñeo f'ie tsy maha-vono arofo. Te
mone eveño i maharotsake troke naho sandriñe an-tsikeokeok' aoy. 29 Tsy aletake
drala raike hao ty foly roe? Fe leo raike ama'e tsy hipoke an-tane naho tsy satrien-
dRae'areo an-dindiñe ao. 30 Tsy fa niaheñe iaby hao ze maroin' añambone' areo?
31 Ko mahimahiñe, ie lombolombo' o folio.

---

* **10:3** Heb: tovo'e: atao Jimy † **10:3** tovo'e: toe Matio, ‡ **10:4** tovo'e: toe i Simone Cananaiose § **10:21** Mik 7:6 * **10:22** Mat 24:13, † **10:25** Baalzebobe: samposampo' o nte Pelistio 2Mp 1:2-3

32 Ze mañonjoñe ahy añatrefa' ondatio, ty honjoneko añatrefan-dRaeko andindìñ'
ao.‡
34 Ko atao' areo te niavy hanese fañanintsiñe an-tane atoy raho; tsy niavy hanese
fañanintsiñe fa fibara§. 35 Ty hampiavakavahañe ondatio ty nivotrahako atoy,
ty ana-dahy aman-drae'e,
ty anak-ampela aman-drene'e,
ty vinanto-ampela aman-drafoza ampela'e
36 Ho rafelahi'ondaty o kokoa'eo*,
37 Tsy mañeva ahy ze mikoko rae ndra rene mandikoatse ahy, naho tsy mañeva ahy
ze mikoko ana-dahy ndra anak-ampela mandikoatse ahy, 38 Tsy mañeva ahy ze tsy
mandrambe i hatae ajale'ey vaho mañorik' ahy. 39 Ze mpitea havelo ro hañanto aze,
fe ho tendreke amy ze mamoe'ay ty amako. 40 Ze mandrambe anahareo, mandrambe
ahy, naho ze mandrambe ahy mandrambe i nañirake Ahiy. 41 Ze mandrambe mpitoky
ami'ty tahina' ty mpitoky, ro handrambe ty tambem-pitoky; ze mandrambe ty vañoñe
ami'ty tahina' ty vañoñe ro handrambe ty tambe' i vañoñey. 42 Ze manjotso rano
manintsiñe am-pitovy ami'ty raike amo kedeke retoa ami'ty tahina' ty Firaheko, Eka!
to t'ivolañako t'ie tsy mbia ho motso tambe.

# 11

1 Ie nagado' Iesoà ty fañòhañe i mpiama'e folo ro'amby rey, le nienga, vaho
nafanto'e ama'e ty hampioke naho hampitao amo rova' iareoo.

*t'i Jaona*
*Lke 7.19-30*
2 Ie tam-porozò ao t'Jaona, le jinanji'e o fitoloña' IesoÀo le nirahe'e ty mpiama'e
roe, 3 hanoa' iareo ty hoe: Ihe hao i ho aviy, ke mbe añe i tamaen-tikañey? 4 Hoe ty
natoi' Iesoà am'iareo: Akia, atalilio amy Jaona o niisa' areoo naho o jinanji' areoo:
5 Mahaisake o feio, mitsontike o kepekeo, lioveñe o angamaeo, mahajanjiñe o gìñeo*,
vañoneñe o vilasio vaho votsoreñe o rarakeo†. 6 Faly ze tsy aliheñe ty amako.
7 Naho nañavelo iereo le nitaroñe i Jaona amy lahialeñey t'i Iesoà: Handrèndreke
inoñe ty nihitrifa' areo mb'am-patram-bey añe? Ty vinda natroetroen-tioke hao?
8 Ke inoñe ty niakara'areo ho sarieñe? t'indaty misarimbo marerarera hao? Toe
añ'anjombam-panjaka ao o mpisaroñe lamba marerarerao. 9 Naho zay, inoñe ty
niavota' areo ho isaheñe añe? ty mpitoky hao? Eka, itaroñako t'ie lombolombo ty
mpitoky. 10 Ie i nipatereñe ty hoe:
Inay, mañitrike ty ìrako hiaolo Azo raho, ie ty hañajary ty lalañe aoloko.‡
11 Eka! to t'itaroñako te, ze nasaman' ampela, tsy ama'e ty nionjoñe ambone'
i Jaona Mpandipotse, f'ie ilikoara' ty kede amy fifehean-dikerañey. 12 Boak'amo
andro'eo pake henane, le rembèñe i fifehean-dikerañey vaho te hitavañ' aze o
piaroteñeo§. 13 Songa mitalily ampara' i Jaona o mpitokio naho i Hake. 14 Aa naho
laha'areo ty hiantoke: ie i Elia ho aviy. 15 Ze aman-dravembia hijanjiñe, mijanjiña!
*Lke 7.31-35*
16 Razañeko ami'ty tariratse toy ty ajalahy mitoboke an-tsena ao mifampikoike 17 ty
hoe,
Nisaboa'ay
f'ie tsy nandrodo;
nangololoiha'ay
f'ie tsy nirovetse.

---

‡ **10:32** Grika: 33Fe ze mitety ahy añatrefa' ondatio, ty hitetiako añatrefan-dRaeko andindiñe ao. § **10:34** Lke 12:51 * **10:36** 1Sam 24:19, Mik 7:6, Lke 12:53 * **11:5** Ies 35:34-36 † **11:5** Ies 61:1 ‡ **11:10** Ies 40:3; Mal. 3:1 § **11:12** Lke 16:17

18 Pok’eo t’i Jaona, tsy nikama, tsy ninoñe, le hoe iereo: Aman-kokolampa re. 19 Avy
ka i Ana’ Ondatiy: mikama naho minoñe, vaho anoeñe ty hoe: Intia ty màhake naho
mpigenoke, rañe’ o bakakalahio naho o mpanan-kakeoo. Zay ty fizaka’ o seretseo o
mahihitseo.

*Ty Falai’ o Rovao*
*Lke 10.12-15*

20 Nikobiha’ IESOÀ amy zao o rova nanoe’e o vilo’eo ie tsy nitolike am-pisolohoañe.
21 Fatse ama’o Korazina! naho, Hankàñe ama’o Betsaida! Fa naho nanoeñe e Tirò
ao naho e Sodoma* añe o viloñe nanoeñe ama’ areoo, le ho nitolike amy andro zay
iereo am-pisolohoañe, an-gony naho lavenoke. 22 Eka! hoe ty itaroñako te ho mora
amy Tirò naho i Sodoma te ama’ areo. 23 Ihe, Kapernaome, hionjoñe mb’andindìñe
eñe v’iheo? Toe hazotso mb’an-tsikeokeoke ao, fa naho nanoeñe e Sodoma o viloñe
nanoeñe ama’oo, hera mbe ho niteo†. 24 Eka! itaroñako te haivañe an-tane Sodoma
ta te ho ama’o i andron-jakay.

*Ama’e ao ty Fitofàñe*

25 Ie henane zay, niongake t’i IESOÀ nanao ty hoe: Rengen-dRehe, ry Aba,
Andrianamboatse i likerañey naho ty tane toy, amy te naeta’o amo mahihitseo naho
amo mahilalao i tsara zay vaho binenta’o amo mirèkeo‡. 26 Eka Aba, toy ie ty
nivantañe añatrefa’o.
27 Kila natolotse ahiko boak’ aman-dRaeko, tsy eo ty mahafohiñe i Anakey naho tsy
t’i Rae, naho tsy ia ty mahafohiñe t’i Rae naho tsy i Anakey vaho ze satri’ i Anakey
hatòke.
28 Mb’amako mb’etoa ze hene mokotse naho mifeake fitoloñañe, le himbaeko
vaveñe ty joka’e. 29 Rambeso ama’areo ty jokako, le mioha amako fa lem-po raho
naho mora naho mazava-troke, vaho hahatendreke fitofàn’ arofo§ nahareo, 30 amy
te mora ty jokako, vaho maivañe o kilànkakoo.

## 12

*Mitoroñe ami’ty SABOTSE*
*Mar 2.23-28; Lke 6.1-5*

1 Ie henane zay, niranga vare niriñariña ami’ty andro Sabata t’i IESOÀ. Nisaliko
o mpiama’eo vaho nampipototse loham-bare naho kinosokoso’ iareo am-pitàñe ho
kamaeñe. 2 Ie nioni’ o Fariseoo, le hoe iareo ama’e: Heheke manao ty faly tsy anoeñe
ami’ty Sabotse o mpiama’oo. 3 Hoe ty natoi’ IESOÀ: Tsy fa vinaki’ areo hao ty nanoe’
i Davide, ie nisaliko naho ondati’eo 4 añ’anjomban’ Añahare ao, ie nikama i mofo-
miatrekey*, ze tsy azo kamaeñe naho tsy o mpisoroñeo avao?† 5 Tsy vinaki’ areo
amy Hake ao hao te beteke miranga-Hake ami’ty SABATA o mpisoroñe añ’anjomban’
Añahareo vaho malio-tahiñe? 6 Eka, itaroñako te etoañe ty ambone’ i anjombay. 7 Aa
naho napota’ areo ty hoe: Fiferenaiñañe ro paiako fa tsy soroñe‡, le tsy ho nafà’ areo
ty malio tahiñe, 8 amy te Talè’ i SABATAY§ i ana’ondatiy.

*Mañafake t’ie SABATA*
*Mar 3.1-6; Lke 6.6-10*

9 Ie heneke i andro rezay le nienga mb’eo t’i IESOÀ nizilike am-pitontona’ iareo
ao. 10 Teo t’indaty mate fitàñe, aa le hoe ty ontane’ iareo ama’e: Vantañe hao ty
mampijangañe ami’ty SABOTSE? 11 Le hoe re tam’iareo; Ia ama’ areo aman’ añondry
mijoñe an-davake ao ami’ty andro Sabata, ty tsy mañakats’ aze? 12 Lombolombo’

* **11:21** Tovo’e ami’ty Grika: ndra Tirao-detere naho Sidomà: a. 22,23 ka † **11:23** Ies 14:13, 14:15 ‡ **11:25**
Lke 10:21 § **11:29** Iir 6:16 * **12:4** Mofo’ i Kitreley (Pesita) † **12:4** Sa II 21:3-6 ‡ **12:7** Hos 6:6 § **12:8**
Fot 2:2-3

zay t'indaty, aa le mete vaho mañeva, ty manao soa ami'ty SABOTSE. 13 Aa le hoe re
am' indatiy: Ahitio o fità'oo. Napololo'e i fità'ey, vaho nivoatse manahake i ila'ey.
14 Fe nifandrimboñe o Fariseoo, nikinia ty hañoho-doza ama'e. 15 Niarofoana' IESOÀ
o ereñeren-tro' iareo; le nisitake; maro ty siloke nañorike aze, vaho fonga jinanga'e;
16 hinatahata'e tsy hampahafohinañe aze, 17 hampijadoñe ty nampisaontsieñe Isaia:
18 Ingo ty mpitoroko tinendreko,
i jinoboko mampinembanebañe ty trokoy;
hapetako ama'e ty Troko,
vaho ho taroñe'e amo fifeheañeo ty hatò.
19 Tsy ho hemban-dre, tsy hilay,
vaho tsy ho janjiñeñe an-dalañe ey
ty fiarañanaña'e.
20 Tsy ho potora'e ty vinda* demoke, vaho tsy hakipe'e ty lamesa mañatoeñe ampara'
te ajado'e ho nainai'e ty hatò,
21 i Tahina'ey ro fitamà'
o kilakila ondatio.†

### *Ty Kokolampa*
*Mar 3.22-27; Lke 11.17-23*

22 Nasese ama'e t'indaty fey naho moañe, niazo' ty kokolampa, le hinaha'e. Niisa' i
lahialeñey 23 le nilatsa vaho nanao ty hoe: Tsy ie hao i Ana' i Davidey? 24 Nahimbam-
pahazo izay o Fariseoo le nanoiñe ty hoe: Tsy mañary kokolampa indatiy naho tsy i
Baalzebobe talè' o kokolampao avao.
25 Niarofoana' IESOÀ ty vetsevetse' iareo, le nirazaña'e ty hoe: Ho koake ze fifeheañe
mifampiria, le tsy hitroatse ze rova ndra anjomba mifanao hereñ' an-tihy. 26 Naho
aria' i mpañìnjey ty mpañinje, le hifampiria iereo, aia ty hijadoña' i fifehea'ey? 27 Aa
naho i Bèlzebobe ro añariako kokolampa, inoñe arè ty tsy androaha' o ana'areoo
irezay? Aa le ie ro ho mpizaka anahareo. 28 Fa naho i Arofon' Añaharey ro añariako
kokolampa, le toe fa migadoñe i fifehea'ey.
29 Aia ty himoaha' t'indaty añ' anjombam-panalolahy hamaoke o vara'eo naho tsy
irohiza'e hey? Zay vaho hakopa'e i anjombay.
30 Mandietse ahy ze tsy mindre amako, naho mifary ahy ze tsy mirekets' amako.

### *Ty Lilatse tsy Iheveañe*
*Mar 3.28-30*

31 Aa le itaroñako te fonga hafahañe amo ana' ondatio ze hakeo naho hateràñe,
fe tsy hapoke am'ondatio ty fiterateràñe i Arofo Masiñey; 32 ze minday saontsy
mamokafoka i Ana' ondatiy, le hiheveañe, fe tsy hahañe ami'ty sa toy ndra amy
sa ho aviy ze minday rehake fanambaitambaiñeñe i Arofo-Masiñey.
33 He hasoao ty hatae ty amo voa'e soao, ke ampimomoho ty hatae ty amo voa'e
mimontamontañeo; fa inao ty hatò: o voa'eo ty aharendrehañe ty hatae. 34 Ry
fiosoñan-dapètakeo! Aia ty hahafivolaña' areo raha soa kanao raty? Isaontsiam-
palie ty fandopoaran' arofo. 35 T'indaty soa, boak'amo vara añ'arofo'e soao ro
mañakatse hasoa, le t'indaty tsereheñe, hirik'amo vara an-tro'e tsivokatseo ro
mampiboake haloloañe.
36 Hoe raho ama' areo, ze hene entañe saontsie' ondaty, le sindre ho volilie'e amy
andro zakay.
37 O saontsi'oo ro izakañe azo, naho o sata'oo ro hamàrañe azo.

---

* **12:20** Heb: zonim; Hakarapiloañe: zonà † **12:21** Ies 42:1-4

*Mipay Famantarañe*
*Lke 11.24-26; 29-32*
38 Ie henane zay, nimb' amy IESOÀ mb'eo ty ila' o Fariseoo naho Androanavio, nanao
ty hoe: Te hahatrea viloñe ama'o boak' andindiñe ao zahay.
39 Tinoi'e ty hoe: Ty tariratse raty naho karapilo ro mitsoetsoeke viloñe; fe tsy
hitoloram-biloñe naho tsy ty vilo' i Jonà; 40 fa manahake t'ie tan-tro' i fiañe jabajabay
telo andro naho telo haleñe, le ho telo andro naho telo haleñe an-tro' tane ao i Ana'
ondatiy. 41 Hitroatse amy zakay o nte-Niniveo mindre ami'ty tariratse toy hamàtse
aze, amy t'ie nitolike am-pisolohoañe amy tsei' i Jonày, fe lohà' i Jonà raho.
42 Hiongake amy zakay i mpanjaka ampela' i Sebay‡ mindre ami'ty tariratse toy,
hamàtse aze, amy t'ie nihirike añ'olon-tane añe nijanjiñe ty hihi' i Solomona; fe
intoy raho, lohà' i Solomona.
43 Ie miakatse amy t'indaty ty anga-maloto, le miranga toetse tsy aman-drano mipay
fitofàñe fe tsy manjo; 44 le hoe re: Himpoliako i kijà nihirifakoy. Ie pok' ao, zoe'e
kòake, soa fipalirañe, vaho nihentseñeñe. 45 Le angala'e kokolampa fito raty ta ty
vata'e, mindre ama'e naho manozìtse ao vaho raty te am-baloha'e ty fiai'indatiy. Zay
ty ho ie ami'ty tariratse tsivokatse toañe.

*o Longo'e Too*
*Mar 3.31-35*
46 Ie mbe nisaontsy amy lahialeñey, inao nijohañe alafe ao ty rene'e naho o
rahalahi'eo, nipay ty hifanaontsy ama'e. 47 Le hoe t'indaty tama'e: Inao, mipay ty
hahaisake azo ty rene'o naho o rahalahi'oo. 48 Natoi'e ty hoe i nisaontsy ama'ey: Ia
o rahalahikoo? naho ia ty reneko? 49 Le nahiti'e mb'amo mpiama'eo o fità'eo vaho
nanao ty hoe: Iretoañe o roahalahikoo naho o rahavavikoo vaho ty reneko! 50 Ze
manao ty satrin' arofon-dRaeko andindìñ' ao ro roahalahiko naho roahavaveko vaho
reneko§.

# 13

*O Karaza-taneo*
*Mar 4.1-20; Lke 8.4-15*
1 Nienga i anjombay amy àndro zay t'i IESOÀ, le niambesatse añ'olon-driake eo
2 vaho niropadropaha' i lahialeñey ampara t'ie nipay lakañe hijoña'e; le nizorazora
an-tamboho ey i lahialeñey, 3 vaho nitaroña'e raha maro am-pandrazañañe ami'ty
hoe: Teo t'indaty nañampitso boak' añ' anjomba ao handrarake tabiry; 4 Ie nandra-
rake, nirarake añ'olon-dalañe ey ty ila'e, f'ie nitsimòhe' o voroñeo. 5 Nirarake am-
batovatoeñe ey ty ila'e, fe natify i taney, ie nipitsike le niforejeje amy te tsy nilaleke i
taney, 6 ie nafana-voho i andro ambone eiy, le nimae naho maike amy t'ie tsy amam-
bahatse. 7 Teo ty nirarake an-kisatse ao. Nitombo o hisatseo nañaloke aze. 8 Ty ila'e
nipoke an-tane soa vaho namokatse naho nitombo, zato ty valoha'e, enem-polo ty
faharoe, naho telo-polo ty fahatelo. 9 Ze aman-dravembia hijanjiña'e, Mijanjiña!
10 Nimb'eo o mpiama'eo nanao ty hoe ama'e: Akore te itaroña'o an-drazan-
drehake? 11 Hoe re: Natolotse ama'areo ty hahafohiñe i Fifehean-dikerañey, fa tsy
am'iareo. 12 Ze manañe, ty ho tompeañe; fa ze tsy manañe, le haloly ama'e ndra
ty minjilite'e habohe'e*. 13 Zao ty itaroñako am-pandrazañañe: miisake iereo fe
tsy mahaisake; mijanjiñe fe tsy mahajanjiñe, 14 hañenefañe i nampisaontsieñe Isaia
mpitoky, ty hoe:
Ie hijanjiñe, le hahajanjiñe
fe tsy mb'ia haharendreke,

‡ **12:42** Tovo'e, Grika; ndra Rezinà de Isterià § **12:50** Lke 8:21 * **13:12** Lke 18:18

Ie misamba le hahaisake
fe le lia’e tsy hahaoniñe,
15 fa gañe ty arofo’ ondaty retoa,
naho giñe o ravembia’eo,
fa nikipeke o fihaino’eo;
ke hahaisake am-pihaino,
naho hahajanjiñ’ an-dravembia,
he hahatsikarake añ’arofo,
naho himpoly hijangañako.
16 Fe haha o fihaino’ areo mahaisakeo naho o ravembia’ areo mahajanjiñeo. 17 Eka!
to t’itaroñako te maro ty mpitoky naho ty vañoñe nisalala hahaisake o trea’ areoo
fe tsy nahaisake, vaho hijanjiñe o tsanoñe’ areoo, fe tsy nahajanjiñe. 18 Inao arè
ty fampalangesañe i mpandrarakey. 19 I Ana’ Ondatiy ro mpandrarake. I tabiry
nirarake añ’olon-dalañey le ze hene mijanjiñe ty tsara’ i fifehean-dikerañey fe tsy
maharendreke; pok’ eo ty mpañinje mitavañe an-tro’e ze nararake ama’e ao iaby,
zay i tabiry nipoke an-dalañe eo. 20 I nipoke am-batovatoeñey, le ty mijanjiñe i
tsaray naho mandrambe aze an-kaehake aniany, 21 f’ie tsy amam-bahatse mbore
aliheñe; naho ifetsaha’ ty hasotriañe tsy ampe vaho ty hasosorañe, le ampandikofe’ i
mpañinjey ty añ’arofo’e ao. 22 I nirarake amo hisatseoy le ty mahajanjiñe i tsaray, f’ie
mipay hanontoñe vara bey, le ampañaliñoe’ i mpañinjey aze i tsaran’ Añaharey vaho
tsy mamoa†. 23 I nirarake an-tane soay, le ty mahajanjiñe i tsaray naho maharendreke
vaho mamoa, toe manao sata soa; hanombo zato ty valoha’e, naho enem-polo ty
faharoe, vaho telo-polo ty faha-telo.

### *o Ahe-dRatio*

24 Nitaroña’e oha-drehake tovo’e: Hambañe amy t’indaty mitongy doria soa an-
tete’e ao i fifehean-dikerañey. 25 Ie nirotse ondatio, pok’eo i rafelahi’ey nandrarake
vinda‡,§ an-tetem-bare’e ao vaho nibioñe. 26 Ie nitovoañe vaho ho niterake i varey
le niboake ka i vinday. 27 Niheo mb’amy tompo-tetekey o mpitoro’eo nanao ty hoe: O
talè, tsy doria soa hao ty narara’o? Boak’ aia arè o vindao? 28 Hoe ty natoi’e: Satan-
drafelahiko zay. Le hoe ty asa’ o mpitoro’eo: Ho vorote’ay o vindao! 29 Aiy! hoe
re, hera hombota’ areo o vareo. 30 Angao hey hiharo hitiry ampara’ te toly ty sabo,
ie amy fitatahañey le ho volañeko amo mpanatakeo, ty hoe, Atontono hey o vindao
naho feheo am-pitoboroñañe horoañe, vaho atontoño an-driha ao o vareo.

### *Voa Nonoke*
### *Mar 4.30-32; Lke 13.18, 19*

31 Intoy ka ty nandrazaña’e: I fifehean-dikerañey le añoharañe ami’ ty voa-nonoke
nindese’ t’indaty vaho narara’e an-tete’e ao. 32 Ie ty kede amy ze hene añañe an-
kodoboñe ao, fa ie mitiry, ro jabajaba amo rongoñeo vaho mbe mionjoñe ho hatae
abo, kanao mitsoloke amo tsampa’eo o voron-dikerañeo.

### *Lalivay**
### *Lke 13.20,21*

33 Nitaroñe’e añ’ohatse ka ty hoe: I fifehean-dikerañey, le manahake ty lalivay19
najo’ ty rakemba ami’ty bom-bare telo fañarañañe† ao vaho hene niazom-pamoà’e.
34 Nanoe’ Iesoà amy lahialeñey añ’ ohatse iaby izay; fa naho tsy am-pandrazañañe
le tsy nitsarae’e, 35 hañenefañe i nampisaontsieñe i mpitokiy, ty hoe:
Ho sokafeko am-pandrazañañe ty vavako; le ho taroñeko tafatòño boak’an-kaehae’e.‡

† 13:22 Lke 21:34, Ti II 3:4 ‡ 13:25 Vinda: zonim; Harakapiloañe: zonà § 13:25 Tovo’e: ndra Beriagà: hoe vare tora’e * 13:32 saf’levora; hakeo ty dika’e. † 13:33 Heb: sata: 13 litatse (sihoa raike) ‡ 13:35 Sab 78:2

### *i Ahe-dratiy*

36 Nifampiria amy lahialeñey amy zao t'i Iesoà le nizilike añ'anjomba ao.
Nimb'ama'e ao o mpiama'eo nihalaly ama'e te habejañe i fandrazañañe i vindaiy.
37 Nitoiña'e ty hoe: Ondatio ty mandrarake i doria soay; 38 ty voatse toy i tonday;
o vantañeo i doria soay; vaho o tsivokatseo o vindao, 39 i mpañìnjey i rafelahy
nandrarake irezay; i vare rifo mizorazora ey ro figadoña' i sa ho aviy; vaho o
anjelio ro mpanatake. 40 Manahake ty fanontona' o mpanatakeo i vinday horoañe,
ty ho fanamperañe ty sa toy. 41 Hirahe' i Ana' Ondatiy o anjeli'eo hañombotse
amy fifehea'ey ze atao raty naho o mitolon-katserehañeo, 42 le hafetsake an-toñake
mirebareba ao; fangololoihañe naho ali-vazañe ty ho ao. 43 Ie amy zay, hireandreañe
manahake i àndroy§, am-Pifehean-dRae'e ao, o vañoñeo*. Ze aman-dravembia
mahajanjiñe, Mijanjiña.

### *Vara Naetake*

44 Hoe ka t'i Iesoà amo mpiama'eo: I Fifehean-dikerañey le manahake t'indaty
mahatrea vara mikafitse le ami'ty hafalea'e ty amy hasaro'ey, fonga aleta'e o
fanaña'eo vaho mivily i taney.

### *Hange*†

45 Tovo'e, Hambañe ami'ty mpanao balike mpipay vatosoa i fifehean-dikerañey.
46 Ie mahatrea ty soa, hene aleta'e o vara'eo le mipeake aze.

### *Harato*

47 Razañeñe an-karato an-driake ao i fifehean-dikerañey; mitontoñe ama'e ao ze
volom-piañe iaby. 48 Ie mirotrarotra le kororohe' iereo boak'ao, le miheo mb'ama'e o
mpañaratoo mijoboñe ty soa ho an-karo' iareo, vaho aria' iereo o ratio. 49 Zay ty ho
ie am-panampera' o androo; Homb'eo o anjelio, hameve o tsivokatseo amo vañoñeo,
50 vaho havokovoko' iareo an-toñake mirehetse ao. Lako tañy naho ali-vazañe ty ho
ao.

### *Ty Talèn' anjomba*

51 Hoe re am'iereo: Nirendre' areo hao zay? Eka, hoe iareo: 52 Aa le, ze fonga
mahihitse amy fifehean-dikerañey ro hambañe ami'ty raen-keleiañe mañakatse ty
vao naho ty haehae amo vara'eo.

### *Falai' o nte Nazaretao*
### *Mar 6.1-6*

53 Ie nagado' Iesoà i tsara rezay, le nienga, 54 vaho nigodañe mb'an-tane'e mb'eo
le nañoke ondaty am-pitontonañ' ao. Nilatsa iareo nanao ty hoe añ'arofo: Aia
ty nahazoa' itiañe ty hihitse naho haozarañe ra'elahy zao? 55 Tsy ie ty ana' i
mpandrafitsey? tsy atao Marie hao ty rene'e? naho ty rahalahi'e: Iakobe, i Josefa,
i Simona, naho i Jodà, 56 vaho o rahavavi'eo? tsy amantika iaby v'irezay? Taia arè
ty nahazoa' itia o raha iaby zao? 57 Aa le nialik' ama'e iereo, vaho hoe t'i Iesoà
tam'iereo: Tsy po-ènge ty mpitoky naho tsy an-tane'e vaho añ'akiba'e ao avao. 58 Le
tsy nisatri'e‡ ty hanao raha tsitantane ao ty amy haminjikitam-patokisa' iareo.

## 14

### *Kinitsike t'i Jaona*
### *Mar 6.14-29; Lke 9.7-9*

---

§ **13:43** Dan 12:3 * **13:43** Sab 37:29, 72:7, 75:10, 118:19-20, 146:8, Mal 3:18, Ben 22:11 † **13:44** Hange: perla (Gr) Heb: vatosoa ‡ **13:58** Gk solo: nilefe'e

1 Ie henane zay, jinanji' i Heroda mpifehe[*] ty talily Iesoà; 2 le hoe re amo
mpitoro'eo: Iantofako t'ie i Jaona Mpandipotse ro manao o raha tsitantane zao[†].
3 Amy te nitsepahe' i Heroda t'i Jaona le rinohi'e am-balabey ao t'ie nañendak' aze tsy
hañenga i Herodiasy ho valy, amy t'ie fa vali' i rahalahi'ey, 4 hoe t'i Jaona tama'e: Faly
ama'o zay. 5 Aa le inao, te ho namono aze t'i Heroda, fe nihembañe amy lahialeñey,
fa nimpitoky am'iereo t'i Jaona. 6 Ie amy takatakam-paniahiañe ty nisamahañe i
Heroday le kinoi'e hitrao-pikama ama'e o roandria' i fifelehañey; nitsinjake añivo'
iereo ty anak-ampela'e le niehake t'i Heroda, 7 kanao nampitamae'e am-panta te
ho mea'e aze ze ihalalia'e. 8 Aa ie nitoroan-drene'e le nangataha'e ty añambone'
i Jaona Mpandipotse am-panake. 9 Nimoremoretse amy zao i mpanjakay, fe ty amy
fanta nanoe'e añatrefa o nambarañeo, le linili'e te hanoeñe; 10 vaho nampihitrife'e ty
hamonoañe i Jaona am-porozò ao. 11 Nendese' iereo am-panake ty añambone'e, naho
natolotse amy somondraray vaho natolo' i somondraray aman-drene'e. 12 Nimb'eo
o mpiamy Jaonao nitakoñe i fañòvay naho nalenteke vaho natalili' o mpiokeo amy
Iesoà.

### *Ty Namahanan-daño*
### *Mar 6.31-44; Lke 9.11-17; Jao 6.1-13*

13 Ie jinanji' Iesoà, le nienga an-dakañe nimb' an-tane bangìñe e Iehoda añe. Aa ie
tsinano' i màroy, le norihe' iereo boak' amo rova iabio. 14 Ie niavotse le nivazoho'e
amboho'e ey i lahialeñey naho niferenaiña'e vaho nampijangañe'e ze hene narare
ama'e.
15 Ie hariva, niheova'e o mpiama'eo nanao ty hoe ama'e: Babangoañe ty atoy
naho fa miroñe; apoho higodañe mb'amo tanàñeo i maroy hitoha ze sindre ipaia'e.
16 Fe hoe t'i Iesoà: Ino ty hiavota' iareo? anjotsò mahakama. 17 Hoe iareo: Tsy
ama'e zahay naho tsy mofo lime naho fiañe roe. 18 Hoe re: Endeso amako zay.
19 Le nampiambesare'e amy ahetsey ondatio; aa ie niambesatse, le rinambe'e i
mofo limey naho i fiañe roe rey, naho nañandriañe te niandra mb' andikerañe
ey, le zinara'e naho natolo'e amo mpiama'eo, vaho nazotso' o mpiama'eo amo
nitolatolakeo. 20 Hene nikama naho nianjañe, nikamae' iareo ka o fiañeo, ze
nisatrieñe. Naho fa nikama le nahoro' iareo ty nifitafita, nahapea mozete folo
ro'amby. 21 Ty hamaro' o nikamao le lime arivo ty lahilahy, tovo' izay o roakemba
naho ajajao.

### *Nidraidraitse Ambone Rano ey*
### *Mar 6.45-52; Jao 6.14-21*

22 Tampetse zay, nampijoñe'e an-dàkañe ao o mpiama'eo hitsake aolo aze mb'
amy rova hañaveloa' i maroiy. 23 Ie nienga' i lahialeñey, le niañambone vohitse
vaho nitalaho, ie raike. Ie hariva nijoriñe ey avao, 24 i lakañey añivo' i riakey
eñe, nasiotsio' o onjan-driakeo amy t'ie niatre-tioke. 25 Ie ami'ty fijilovañe fah'efa' i
haleñey, le niheo mb'am'iereo mb'eo t'i Iesoà nidraidraitse ambone' i riakey.[‡] 26 Ie
niisa' o mpiama'eo nañavelo ambone rano ey, le nivorombeloñe, fa natao' iareo ho
angatse! vaho nikoaike am-pirevendreveñañe. 27 Le natoi' Iesoà ty hoe: Mahatokisa
ry ao, zaho 'nio[§]. Ko hembañe, 28 Natoi' i Petera ty hoe: O Talè, naho Ihe, ampombao
mb'ama'o ambone' o ranoo raho. 29 Mb'etoa, hoe t'i Iesoà. Aa le nizotso amy lakañey
t'i Petera, nandia i ranoy mb'amy Iesoà mb'eo. 30 F'ie nahaoniñe ty hamafe' i tiokey,
le nianifañe naho ho nilipotse vaho nikoiake ty hoe: Talè! irombaho. 31 Nahiti' Iesoà
amy zao ty fità'e le rinambe'e, vaho nanoa'e ty hoe: Ondaty kede fatokisañeo, ino ty

[*] **14:1** Heroda Antipasy, Ana' i Heroda mpanjaka, ragova' ty fahefam-paritane' i Palestina, namono i Jaona.
[†] **14:2** Gk: nivañon-ko velon-dre. [‡] **14:25** Iobe 9:8 [§] **14:27** Avo 3:14

nimahimahiña’o? 32 Ie nijoñe an-dakañe ao, le nipendreñe i tiokey, 33 vaho niambane
ama’e o an-dakañeo, nanao ty hoe: Toe Anan’ Añahare rehe.

*Nañafake Maro*
*Mar 6.53-56*
34 Tafa-tsake iereo, nitoly an-tamboho’ i Genesareta eo. 35 Aa ie nahafohiñe aze
ondati’ i taneio le nanitsihañe hitrike i borizañey, naho nendeseñe ama’e ze hene
nisilofe’ o areteñe ankafankafao. 36 Nihalalia’ iareo ke ho no’e t’ie hitsapa ty lifin-
tsiki’e; vaho songa nijangañe ze nitsapa aze.

# 15

*Mañoke Hake*
*Mar 7.1-23*
1 Le niheo mb’ amy IESOÀ mb’eo o Fariseoo naho o Androanavio nanao ty hoe:
2 Manao akore te mandilatse ty fañè’ o ntaoloo o mpiama’oo? ie tsy manasa fitàñe
aolo te mihinañe.
3 Le hoe t’i IESOÀ tama’e: Akore te anjehara’ areo o tsaran’ Añahareo* amo fèpè’
areoo? 4 ie linilin’ Añahare ty hoe:
Iasio ty rae’o naho i rene’o,†
naho:
Toe havetrake ze mandafa rae ndra rene.‡
5 Fe hoe ty asa’ areo, Ze saontsie’ t’indaty aman-drae’e naho aman-drene’e ty amy
ze ho nibanabana’e, le inao fa nengae’e ty amo tahi’eo, le malio-tahin-dre amy hakeo
zay, 6 vaho tsy miasy rae ndra rene re, le fa tsambolitio’ areo o tsaran’ Añahareo amo
fèpè’ areoo. 7 Hankàñe, ty soamiatreke, Inao ty nitokia’ Isaia ty ama’ areo ami’ty hoe:
8 Hoe t’IEHOVÀ:
Mitotoke ahy am-palie’ ondaty retoa,
naho miasy ahy am-pivimby,
fe mitots’ amako ty arofo’ iareo,
9 vaho ty fañeveña’ iareo amako
ro fampioha’ ondaty avao.§
10 Tsinikao’ IESOÀ i màroy, vaho nanoa’e ty hoe: Mijanjiña naho mañarahàrà: 11 Tsy
ty mizilike am-palie’e ao ty mahabote ondaty, fa ze miakatse am-palie’e ro mahativa
ondaty.
12 Niheo mb’ama’e o mpiama’eo, nanao ty hoe: Fohi’o hao te nitorifike amy tsara
zay o Fariseoo? 13 Hoe ty natoi’ IESOÀ: Fonga ho mongorañe ze hatae tsy nambolen-
dRaeko an-dindiñe ao. 14 Apoho iereo, fa miaolo ty goa ty fey; ie tarihe’ t’indaty fey
ty goa, songa hijoroboñe an-davake ao ie roe. 15 Tinoi’ i Petera: Abejaño ama’ay i
tafatòño zay. 16 Hoe ty natoi’ IESOÀ am’iareo: Mbe tsy maharendreke v’inahareoo?
17 Tsy fohi’ areo hao te ze hene mizilike am-palie ro migodañe an-troke ao vaho
miakatse amy mahazatse añe? 18 Fe ze miakatse am-palie le fa nihetsefe’ ty arofo, zay
ty mahativa ondaty. 19 Amy te akare’ ty troke mengoke ty famañahiañe, ty fañohofan-
doza, o fanakezàñeo, o fikamerañeo, ty fidramota’ o mpandañitseo, vaho o fatseo.
20 Toe songa mahativa ondaty, fe tsy mahativa ondaty ty fikamañe am-pitañe tsy
sinasa.

*Ty Rakemba Ambahiny*
*Mar 7.24-30*
21 Ie nagado’ IESOÀ i tsara zay, le nañavelo mb’an-tane’ Tirò naho Sidoma añe.
22 Le niheo mb’ ama’e ty rakemba nte-Kanana hirik’ an-tane’e añe, nikaike ama’e

* **15:3** Mat 5:20 † **15:4** Avo 20:12; Its 5:16 ‡ **15:4** Avo 21:15; Sor 20:9 § **15:9** Ies 29:13; Mar 7:7, Mp II 17:19

ty hoe: O Rañandria, Ana' i Davide, tretrezo raho fa volevolèn-kokolampa ty anako
ampela. 23 Tsy nanoiñe ndra tsara raike t'i IESOÀ. Le niharinea' o mpiama'eo, nanao
ty hoe ama'e: Ino ty ifaria'o o rakemba mañorike antika an-koikeo? 24 Tinoi' IESOÀ
ty hoe: Tsy nirahen-dRaho naho tsy amo añondry motso' i anjomba' Israeleio*. 25 Le
niambane ama'e i rakembay nanao ty hoe: O Rañandria imbao raho. 26 Hoe t'i IESOÀ
ama'e: Tsy mete te alae' t'indaty ty hane' o keleia'eo hamahana'e amboa. 27 Hoe
i rakembay, Beteke milintseñe ty mofo mifitafita boak' am-pandambaña' ty tompo'
iareo o amboao. 28 Tinoi' IESOÀ ty hoe: O Rakembao, ra'elahy ty fatokisa'o; hanoeñe
ama'o i nihalalia'oy. Le nijangañe henane zay i anak-ampela'ey.

### *Maro ty Nijanganeñe*
### *Mar 7.31-37*

29 Nienga t'i IESOÀ, le nimb' am pariparitse alafe' i riake Galiliay mb' ami'ty vohitse
mb'eo. Ie nijohañe eo le 30 nanjo ondaty maro nindreza' o kepekeo, o angamaeo, o
mikoletrao, naho ty ila'e maro; ie nihotrake am-pandia'e eo le nijangañe'e. 31 Nilatsà
ondatio te nisaontsy o moañeo naho ninokitse o komboo vaho nahaisake o feio; songa
nandrenge an'Andrianañahare.

### *Mamahañe ty 4000*
### *Mar 8.1-10*

32 Kinanji' IESOÀ hitotoke aze o mpiama'eo, le hoe re: Ferenaiñako iereo, fa
nitraoke amako ro' andro boak' amy nitsaha' iareoy vaho tsy aman-ko kamaeñe,
le tsy te hampañavelo iareo te mililitse ke hifoezapoezake an-dalañe ey. 33 Aa hoe
o mpiama'eo tama'e: Aia ty hitohàn-tika mofo an-jerezere-tane atoy haha-ànjañe o
maro toañe? 34 Natoi' IESOÀ ty hoe: Fire ty mofo ama' areo? Hoe iereo: Fito, naho
fiañe tsiampeampe.
35 Aa le nampiambesare' IESOÀ amy ahitsey i lahialeñey, 36 Rinambe'e i vonga-mofo
fito rey, nifolahe'e, naho natolo'e amo mpiama'eo vaho nazotso' iereo am'ondatio.
37 Nikama iaby iereo le nianjañe vaho nahoroñe ami'ty hàroñe fito i nifitafitay.
38 Efats' arivo ty lahilahy nikama ey, mandikoatse zay o roakemba naho ajajao.
39 Tampetse zay, nijon-dakañe t'i IESOÀ vaho nipotitse an-tane Makedonia añe.

## 16

### *Misazoke Viloñe*
### *Mar 8.11,12*

1 Nimb'ama'e mb'eo o Fariseo naho Tsadokeo hantsaka fañahy aze, hanolora'e
viloñe boak' andindiñe ao. 2 Hoe ty natoi' IESOÀ: Ry soamiatrekeo, Ie hariva,
anoe'areo ty hoe: Kanao mena i likerañey, hazava ty hamaray, 3 ie maraindray,
hoe nahareo: Ho avy anito i orañey fa milodolodo i likerañey. Ie fohi' areo o fañè ty
tarehe' i likerañeio, akore te tsy rendre' areo ty lili' o sà-o. 4 Mipay viloñe ty tariratse
tsereheñe toy, fe tsy hitoloram-biloñe naho tsy ty vilo' i Jona mpitoky; vaho nisitake
re, nienga mb'eo.

### *Ty Fisitaha' IESOÀ*
### *Mar 8.13-21*

5 Ie nivotrake añ'olon-driake eo t'i IESOÀ le hoe re amo mpiama'eo, Halankaño
mofo, vaho nijon-dakañe mindre amo mpiama'eo, fe nihaliño o mpiama'eo ty hivaty
mofo.* 8 le hoe t' IESOÀ am'iereo: Ino ty itsakorea'areo te tsy nivaty mofo? 9 Tsy
tiahi' areo hao i mofo limey naho i lahilahy efats' arivo rey vaho ty hamaro' o mozete

* **15:24** Mat 10:6 * **16:5** Grk: 6 Aa le hoe t'i Iesoà tam' iereo, Mitaòa, marimariho ty lalivai' o Fariseoo naho ty a o Tsadokeo. 7 Le hoe ty fitsakorean-tro' iareo: Tika tsy ninday mofo 'nio. 8 Ie nahaoniñe,]

nisisao?† 10 ndra i mofo fito' indaty efats'arivo rey, naho ty hamaro i haron-kiseñe
rinambe'areo rezay? 11 Aa le maharendreha te tsy mofo sotra i vinolakoy fe inao
ty itaroñako: Itaò ty sata' o Fariseo naho Tsadokeo.‡ 12 Aa le napota'iareo te tsy ty
lalivay mofo i nitsarae'ey, fa ty faññanara' o Fariseoo naho o Tsadokeo.

*Tsei' i Petera*
*Mar 8.27-30; Lke 9.18.31*

13 Ie nandoake an-tane Siria§ naho an-tane' Filofe* añe t'i IESOÀ, le hoe ty ontane'e
amo mpiama'eo: Ino ty saontsie' ondatio ahy? 14 Le hoe iereo ama'e: Ty ila'e : i Jaona
Mpandipotse; ty ila'e, i Elia; vaho ty ila'e, i Jeremia' ndra ty raike amo mpitokio.
15 Aa hoe t'i IESOÀ tam' iereo: Ia ka ty anoe' areo ahy? 16 Tinoi' i Simona† ty hoe:
Ihe i Norizañey‡, Anak' Andriananañahare veloñe nivotrake ami'ty voatse toy. 17 Hoe
t'i IESOÀ tama'e: Haha rehe Simona Ana' i Jaona amy te tsy nofotse naho lio ty
nampibentatse ama'o fa t'i Raeko andindìñe ao.

*Ty Fivorin' Añahare*

18 Hoe raho ama'o: Vongam-bato§ rehe, naho haoreko* ami'ty lamilamy toy†
ty anjombam-pitalahoako. ze tsy hahafitroara' o lalam-bein-tsikeokeokeo‡. 19 Le
hatoloko azo i lahin-dakilem-pifehean-dikerañey; ze fehè'o an-tane atoy le fa
nifeheñe andindìñe ao, vaho ze hahà'o an-tane atoy le fa nihahàñe andindìñ'ao.
20 Hinatahata'e amy zao o mpiama'eo ty tsy hitalily am'ondatio te ie i Norizañey.

*Ty amy Havilasi'ey*
*Mar 8.31-33; Lke 9.22*

21 Namototse nampalange amo mpiama'eo amy zao t'IESOÀ t'ie tsy mahay tsy
homb'e Ierosaleme mb'eo hijale ami'ty hatsivokara' ty maro boak' amo mpisoroñeo
naho amo roandria' ondatio ampara' te havetrake, f'ie hatroatse ami'ty andro faha-
telo.
22 Natola' i Petera le nendaha'e ami'ty hoe: Lonike te ho lavits' Azo izay, Talè
23 Nitolike t'i IESOÀ, le nitalahara'e naho nanao ty hoe: Soike, ty mpañìnje, ko
zehare'o; tsy haoñe'o ty tsaran' Añahare, fa o reha' ondatio.

*Afoeo, le ho Rombaheñe*
*Mar 8.34-37; Lke 9.23.25*

24 Le hoe t'i IESOÀ amo mpiama'eo: Ze te hañorik' ahy, soa re te hitety vatañe,
hijiny i hatae ajaley§, toe hamoe aiñe, vaho hañorik' ahy. 25 Ze te handrombake ty
fiai'e ro hamoe aze ty amako, fe ze mamoe ty havelo'e ami'ty voatse toy ty amako ro
handrombake aze ho ami'ty havelo' ty voatse ho avy. 26 Ino ty tombo'e ho a ondatio
te fonga azo'e ty voatse toy, vaho mamoe'ay kitro katroke? Fampitsalohañe soa ho
a ondatio hao ty hahazoa'e o raha momoke henaneo, hanolora'e ty fiai'e hizakà' i
tsikeokeokey?

*Ty amy Fiavy Faharoey*
*Mar 8.38-9.1; Lke 9.26-27*

27 Fa hitotsake atoy i Anan' Añaharey ami'ty engen-dRae'e an-dindiñe ao rekets'
o anjeli'eo hanambe ondatio sindre ty amo sata'eo*. 28 Eka! to t'itaroñako te, tsy

---

† **16:9** Grika: 10 ‡ **16:11** Grika: 12 § **16:13** Tovo'e: ndra Kaisaria * **16:13** Tovo'e: ndra ty hoe, Filipose
† **16:16** Tovo'e: nitokaveñe ty hoe, Petrose ‡ **16:16** Tovo'e: ty hoe: Kristo § **16:18** GK; Petros (Petera)
* **16:18** Grika: petra: Vol 23:9; Its 32:15; Ies 51:1 † **16:18** Heb: solo ty hoe: ama'o ‡ **16:18** Heb: Gehen'na:
toe vavatane maleotse fañarian-deotse mirehets'afo nainai'e; helo, helo-afo. § **16:24** ty hatae mitivalañe
nandradoradoañe Iesoà, mitroatse añe ty boda'e. * **16:27** Sab 62:12, Rzs 24:12; Oni: Mat 21:44, Jao 5:29, Rom
2:6, Ko II 5:10, Efe 2:10, Tit 2:7,14, Iak 2:14-24, Ben 22:12

handia havilasy o ila’e mijohañe etoañe, ampara’ te isa’ iareo mitotsake eo i Anak’
Andriananañaharey am-pifehea’ey ao†.

# 17

*Ty Fiovàñe*
*Mar 9.2-13; Lke 9.28.36; 2 Pet 1.17,18*

1 Ie naha-ritse eneñ’ andro, le rinambe’ Iesoà t’i Petera naho Iakobe naho i Jaona
rahalahi’e, vaho nendese’e mañambone ty vohitse abo hitalaho. 2 Ie niloloke, le
niova añatrefa’ iereo, nireandreañe hoe i àndroy ty holin-dahara’e vaho nikò-foty
hoe volovaso o saro’eo. 3 Ingo nisodeha ama’e t’i Mosè naho i Elia, nifanaontsy,
vaho hene tinaro’ iareo am’ Iesoà ze hifetsake ama’e e Ierosalem’ ao. Nirotse t’i
Petera naho o rañe’eo. Nirotse fe tsy nirotse, nañente fe tsy nañente. Niisa’ iareo
i fañòva’ey naho indaty roe nindre ama’e rey. 4 Aa ie nienga, le hoe t’i Petera amy
Iesoà: Soa te etoan-tika; antao hamboatse kivoho telo etoa, ty ho Azo, ty ho a i Mosè,
vaho ty ho a i Elia*, amy te tsy napota’e i nisaontsie’ey.

5 Ie mbe nisaontsy, intia ty rahoñe mazava nañaloke iareo; nampangebahebake;
jinanji’ iareo boak’ amy rahoñey ty fiarañanañañe nisaontsy ami’ty hoe: Inao,
intia ty Anako kokoako, i norokoy, ama’e ty hafaleako, ivohoro.† 6 Jinanji’ o
mpiama’eo zay, le nibaboke, laharañe an-tane, fa vata’e nangebahebake. 7 Ie nianjiñe
i fiarañanañañe zay, le hoe t’i Iesoà tam’iereo, Mitroara, ko hembañe. 8 Niandra
iereo, fa tsy nahaoniñe ia ia naho tsy Iesoà avao. 9 Nizotso boak’ am-bohitsey t’i
Iesoà le nafanto’e am’ iereo ty hoe: Ko mitalily am’ondatio i eveñeveñe nioni’ areoy
ampara’ te nitroatse amy havilasiy i Ana’ ondatiy.

10 Nañontane aze ty hoe o mpiama’eo: Manao akore te atao’ o Androanavio te ho
avy aolo t’i Elia? 11 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Toe ho avy aolo t’i Elia, hampiareñe ze he’e.
12 Taroñeko ama’areo te niavy t’i Elia, fe tsy nifohi’ iereo vaho nanoeñe ama’e ze
nisatrie’ iereo. Zay ka ty hanoe’ iereo i Ana’ ondatiy.

13 Aa le nirendre’ o mpiama’eo t’ie i Jaona Mpandipotse sinaontsi’ey.

*Fatokisañe*
*Mar 9.14-29; Lke 9.37-42*

14 Ie nañarine i lahialeñey le nomb’ ama’e t’indaty nifantoke amo ongo’eo, 15 nanao
ty hoe: O Talè, ferenaiño raho naho tretrezo i anadahikoy, fa tokoe’ ty anga-draty
vaho mafe ty fizeke’e. Ampikodrite’e nife, mamore am-bava, mikorovoke boak’ an-
toe’e mb’ an-tane, beteke mihotrake añ’afo beteke an-drano ao. 16 Nendeseko amo
mpiama’oo, f’ie tsy nahajangañe aze. 17 Hoe ty natoi’ Iesoà: Ty tariratse mengoke
tia, hankàñe amo mandietseo, ampara’ te ombia ty mbe hindrezako? Sikal’ ombia ty
hivaveako ty hasosora’ areo? Ampombao mb’amako.

18 Nendese’iareo ama’e, aa ie vaho nitalare’ Iesoà le nampanjekè’ i mpañinjey naho
naretsa’e an-tane vaho nitamborokose’e an-deboke ao, namore. Nañontanea’ Iesoà
ty rae’ i ajalahiy ty hoe: Sikal’ ombia ty nitambozòra’ i mpañìnjey? Le hoe ty rae’e
ama’e: hirik’ amy andro zay pake henaneo. Beteke ahifi’e añ’afo ndra an-drano ao
hañohofa’e loza naho mete, aa naho lefe’o, Talè, ty mañimba ndra ami’ty manao
akore, le ehe imbao. Nanjo fañisohañe ama’e indatiy vaho nilifo-piferenaiñañe ho
aze, le hoe re tama’e: Naho mahafiato rehe, le hahalefe ndra inoñ’inoñe, amy te
kila mora ami’ty mpiato. Aa le nipoña-toreo amy zao ty rae’ i ajalahiy nipazake
ty hoe: O Rañandria, matoky raho, oloro o hatokisakoo. Ie nioni’ Iesoà te nañaly
hiarimboeñe i lahialeñey, le linili’e ty hoe i anga-dratiy: Ty mpañinje gañe naho
moañe tìa, inao, lilieko, Iakaro aniany, le ko mimpoly atoy ka; aa le nifaoke ama’e

† 16:28 Mat 17:2-5 * 17:4 Mar 9:4 † 17:5 Its 18:15-19

am-pikontsiañe i kokolampay le nampizekè'e vaho nado'e deme'e i ajalahiy, kanao
maro ty nanao aze ho simba. Rinambe IESOÀ an-taña'e le natroa'e vaho niongake
re. Nizilike añ'anjomba ao t'i IESOÀ‡, 19 le natola' o mpiama'eo t'i IESOÀ, nanao ty
hoe: Nañino zahay tsy naharoak'aze? 20 Hoe t'i IESOÀ tam' iereo: Amy t'ie tsy fonitse
fatokisañe. Eka! to t'itaroñako t'ie am-patokisañe manahake ty voa-nonoke, naho
miantoke, le ho lilie' areo o vohitse eroañeo, ty hoe: Miviha! le hibioñe re; tsy eo ty
ho tànañe ama' areo. 21 Fe tsy miakatse naho tsy an-kalaly naho lilitse ty karazan'
angatse toy.

*Ty amy Hivetraha'ey*
*Mar 9.30-32; Lke 9.43-45*
22 Te Galilia ao iereo, le nanao ty hoe t'i IESOÀ: Fe haseseke am-pità' ondatio i Ana'
ondatiy, 23 havetra' iereo, fe hitroatse ami'ty andro faha-telo.

*o Roroñeo*
24 Ie nivotrake e Kapernaome ao, le niheo mb'amy Petera o mpamory vili-lohao
nanao ty hoe: Tsy orihe' i Talè' areoy hao ty fandoavañe i haban'§ Anjombay? 25 Amy
nisaontsieñey, nizilike añ'anjomba ao re, fe nifohi' IESOÀ, le hoe re amy Petera: Akore
ty heve'o Petera? O mpanjaka' ty tane toio: ia ty ampitoroña' iareo roroñe? o ana'
iareo hao, ke o ambahinio? 26 O ambahinio, hoe t'i Petera. Le hoe t'i IESOÀ tama'e:
Aa le haha o anakeo. Tinovo'e ty hoe: Ko ampilonjereñe. 27 Le hoe re amy Petera,
akia mb' an-driake mb'eo, le añiririño vintañe vaho mamintaña, fa ami'ty vava' i ho
vintañe'o valoha'ey ty hanjoa'o ty bogady volafoty*; zay ty hatolo'o ho antika roe.

# 18

*ty Trentram-po*
*Mar 9.33-37; Lke 9.46-48*
1 Niheo mb'amy IESOÀ mb'eo henane zay o mpiama'eo nañontane ty hoe: Ia ty
atao'o ho lohàñe amy fifehean-dikerañey? 2 Tsinikao'e ty anak'ajaja naho navotra'e
aivo' iareo ao, 3 le hoe re: To t'itaroñako t'ie tsy mitolike ho hambañe ami'ty ajaja
toy, le tsy hizilike amy fifehean-dikerañey.* 5 Ze mandrambe ty ajaja manahake
toke ami'ty añarako, mandrambe ahy. 6 Ze mampitsikapy ty raike amo ajaja mpiato
amakoo, le kitra'e andravaham-bato-pandisanañe ty an-kàto'e vaho avokovoko an-
driake laleke ao.

*o Mpampitsikapio*
*Mar 9.42-48; Lke 17.1-2*
7 Hoy abey! amo mpimone' ty voatse toio ty amo fampitsikapiañeo! Toe tsy
mahay tsy eo ty mahatsikapy, natovo'e ty hoe: Hekoheko am' indaty mampitsikapiy.
8 Naho mamingañ' azo ty fità'o ndra fandia'o, kitsiho ama'o; fa hàmake himoake an-
kaveloñe ao kepeke ndra doñe rehe, ta te hatolotse añ'afo bey tsy modo ao reketse
fitàñe roe naho fandia roe. 9 Aa naho mampitsikapy azo ty fihaino'o, pirito vaho
atambirivirio añe; kitra'e hizilike an-kaveloñe ao fei-pihaino raike, ta t'ie hatolotse
añ'afo bey ao reke-pihaino roe.
10 Asoao tsy ho sirikae' areo ty raike amo anak' ajalahio; fa itaroñako te nainai'e
mahaisake o ana' i Raeko andikerañeio o anjeli' iareoo, 11 vaho fa nijihetse tsy
handrombak' o rafelahio ka i Ana' ondatiy†.

‡ **17:18** Mar 9:20-28 § **17:24** drakma, haba' i Anjombay ty roe; karama andro raike. * **17:27** Statera (Gr):
drakma efatse. * **18:3** Grk: 4Ndra iaia mire-batañe manahake ty ajaja toy ro loha'e amy fifehean-dikerañey
† **18:11** Grk: solo ty hoe: Fa toe nimb'atoy i Ana'ondatioy handrombake ze nimotso

*ty Añondry Motso*
*Lke 15.4-7*
12 Akore ty heve’ areo? Ie manañe añondry zato t’indaty, le mandifike añe ty
raike, tsy henga’e am-bohitse ao heike hao i sivampolo-sive’ amby rey, vaho ho mb’eo
hitsoeke i nandifikey? 13 Ie tendreke, Eka! to t’itaroñako te handian-taroba i raikey
te amy sivampolo-sive’ amby tsy nandridrìke rey. 14 Amy te tsy lahan-dRae’ areo
andindìñe ao ty hahamotso raike amo kede retiañe.

*Ze Anaña’o Kabò*
15 Ie henane zay, hoe t’i Iesoà amy Simona atao Petera: Ie manao hakeo ama’o ty
longo’o, endaho an-tolake, ie mijanjiñe, le fa azo’o i longo’oy. 16 Aa naho tsy mañaoñe
azo re, aseseho aolo ty ondaty, f’ie tsy mijanjiñe ndra fanta inoñ’ inoñe, le anovono
roe ndra raike, hiatrefa’ ty valolombeloñe telo ndra roe, amy te mahajadoñe saontsy
ty valolombeloñe telo ndra roe.‡ 17 Aa naho tsy mañaon-titike inoñe ndra sangy inon-
dre, le taroño amy fivoriy; aa ie mboe tsy mete mijanjiñe i fivoriy, le ampanahafo
ami’ty añombelahimavo naho ty rafelahy vaho ty piaroteñe.
18 Eka, to t’itaroñako te ze fanta fehè’ areo an-tane atoy, ro feheñe andindìñe ao.
Naho ze hahà’ areo an-tane atoy, ho hahàñe andindìñe ao§.
19 Tovoñako ama’ areo ty hoe, Naho miharo rehake amy ze ihalalia’ iareo ty roe
ama’ areo an-tane atoy, le hanoen-dRaeko andindìñe ao ho a iareo. 20 Ndra aia aia
ivoria’ ty telo ndra roe ami’ty añarako le am’ iareo ao raho.

*o Fiheveañeo*
21 Le nisitsitse mb’ama’e t’i Petera, nanao ty hoe: O Rañandria, ie manao tahiñe
amako ty rahalahiko, hiheveako pak’ impito hao?
22 Hoe t’i Iesoà tama’e: Tsy anoako ty hoe Ampara’ ty fito, fa Sikal’ ami’ty
fitom-polo-fito’amby. 23 I fifehean-dikerañey, le ampanahafeñe ami’ty mpanjaka
niambesatse nifamolily amo mpitoro’eo naho amo mpamandro’eo. 24 Ie namototse
volily, pok’eo ty nisongo bogady volamena* rai-ale ama’e; 25 aa ie tsy nanan-
katolotse, le linili’ i talè’ey te haletake reketse keleiañe naho ze hanaña’e iaby,
hañavake i songoy. 26 Nibaboke aolo’ i talè’ey i mpitoroñey, nitoreo te hifereñaiña’e,
handiñisa’e, fa fonga havaha’e. 27 Aa le niferenaiña’ i talèy, le vinotso’e vaho hene
napo’e.
28 Fa naho niavotse i mpitoroñey le nanjo ty mpitrao-pitoroñe nanaña’e drala zato†,
le tsinepa’e naho finofo’e vaho hoe ty asa’ i kinabokey 29 Matokisa naho mahaliñisa
ahy fa hene havahako. 30 F’ie tsy nimete nitsanoñe aze, te mone nasese’e mb’am-
balabey ao ampara’ te fonga hondroha’e. 31 Nioni’ o mpitrao-pitoroñeo i nanoe’ey
le akore ty haboseha’ iareo kanao niheo mb’amy talè’ey nitalily. 32 Aa le kinanji’
i talè’ey vaho nanoa’e ty hoe: Ty mpitoroñe fatse toy, tsy hene niheveako hao o
songo’oo amy nampihaonkaoñe’o ahiy? 33 Aa tsy ho nitretreze’o ka hao i mpitoro’o
nihalaly ama’oy hambañe amy niheveako azoy?’ 34 Niviñera’ i talè’ey vaho linili’e t’ie
ho samporeraheñe ampara’ te hene avaha’e i sinongo’ey. 35 Zay ty hanoan-dRaeko
andindìñe ao ama’areo naho tsy songa miheve ty longo’e an-tro-mazava.

# 19

*Enga valy he Sara-baly*
*Mar 10.1-16; Lke 18.15-17*

‡ **18:16** Its 19:15; Jao 8:17, Ko II 13:1, Ti I 5:19, Heb 10:28 § **18:18** Mat 16:19 * **18:24** Talenta, naho vola-foty: 45kg; ie volamena: 91 kg † **18:28** Denariosy: drala vola-foty 3,9 gram: karama 1 andro.

[1] Ie nagado' IESOÀ i tsaray, le nienga i Galilia naho nandoake am-paripari' Iehodà
alafe' Iordaney añe. [2] Norihe' i lahialeñey vaho jinanga'e iaby.
[3] Niheo mb'ama'e mb'eo o Fariseoo hitsoke aze, ami'ty ontane ty hoe: Hake hao
t'ie hifanarake aman-drakemba'e ami'ty inoñ' inoñe vaho hanolots' aze takelam-
pifanarahañe?
[4] Tinoi'e ty hoe: Tsy vinaki' areo hao te i nanao iareo haehaey, le
lahilahy naho ampela ty nitsenea'e;*
[5] Hoe re:
Aa le hienga ty rae'e naho i rene'e t'indaty
le hifampipipiteke ami'ty vali'e;
vaho ho nofotse raike iereo.†
[6] Ie amy zao, tsy roe iereo fa nofotse raike, vaho tsy mete sarahe' ondaty ze fa
natraon' Andrianamboatse.
[7] Le nanoa'iareo ty hoe: Aa vaho akore ty nandilia' i Mosè te hitolorañe takelam-
pañitoam-baly vaho ampiengañ' aze i akiba'ey?‡ [8] Hoe re tam' iereo: Ami'ty hagàñ'
arofo' areo ty nisaontsie' i Mosè ty hitseizam-baly; fa tsy zay ty tam-pifotora'e añe.
[9] Hoe raho ama' areo: ze mitsey valy, naho mañenga ty hafa, naho tsy t'ie nañarapilo,
ro mañarapilo; karapilo ka ty mañenga i narian-dahiy§.
[10] Le hoe ty asa' o mpiama'eo tama'e: Aa naho zay ty aman-dahilahy naho i vali'ey,
hàmake tsy mañenga. [11] Hoe re tam'iereo: Tsy ho a' ze kila ondaty o tsara zao,
fa ho a' ze nitolorañe aze. [12] Amy te eo ty vositse boak' ami'ty nahatoly aze; eo ka
ty vositse nivosire' ondaty, vaho eo ty miha-dogalahy ami'ty filiera'e vatañe ty amy
Fifehean-Dikerañey. Ze maharambe zay, ee te ho fohi'e!
[13] Ie amy zay nindeseñe mb'ama'e mb'eo o ajajao hampitongoà'e fitàñe naho
tataeñe; f'ie niroahe' o mpiama'eo. [14] Le hoe ty nanoa' IESOÀ: Apoho homb' amako
mb' etoañe o anak' ajajao, le ko sebañeñe, fa a' iareo i fifehean-dikerañey. Eka,
hoe ty asako ama'areo, Toe tsy hizilike amy fifehean-dikerañey ty tsy manahake o
retoañe. [15] Aa le nanampeza'e fitàñe, vaho nienga.

### *Ty Zatovo*
### *Mar 10.17-27; Lke 18.18-27*

[16] Niheo mb'amy IESOÀ mb'eo ty ajalahy niambane ama'e nanao ty hoe: O Talè,
inoñe ty raha soa hanoeko hahazoako haveloñe amy voatse ho aviy?* [17] Hoe ty natoi'e
aze: Akore t'ie anoa'o: Soa? Tsy eo ty soa naho tsy raike avao, i Andriananañahare;
f'ie te himoake an-kaveloñe ao, ambeno o lilio†. [18] Le hoe re tama'e: Inoñe irezay?
Hoe t'i IESOÀ ama'e:
Ko mañoho-doza, ko mampikametse,
ko manao kitomboke am'ondatio,
[19] miasia ty rae'o naho i rene'o‡
vaho
ikokò ondatio manahake ty vata'o.§
[20] Ty hoe ty natoi' i ajalahiy: Fonga nambenako, inoñe ka ty tsy amako? [21] hoe t'i
IESOÀ tama'e, Naho te ho vañon-drehe, akia, hene aletaho o fanaña'oo, le anoloro
amo rarakeo, le hanam-bara andindiñe ao rehe; vaho mañoriha ahy. [22] Ie jinanji' i
ajalahiy i tsaray, le ninankañe mb'eo, fa inao tsy ampeampe ty vara'e.
[23] Hoe t'i Iesoà tamo mpiama'eo: Eka! to t'itaroñako te sarotse ami'ty mpañaleale
ty himoake amy fifehean-dikerañey. [24] Anovoñako ty hoe: mora ty hanjilihañe
rameva* am-bolim-pitrebeke ao ta ty mpañarivo am-pifehean' Añahare ao.

---

* **19:4** Fot 1:27 † **19:5** Fot 2:24 ‡ **19:7** Its 24:1 § **19:9** Mat 5:32 * **19:16** Mik 6:8a; Sa I 12:23 † **19:17** Lke 10:28, Jao 12:50, Ben 22:14 ‡ **19:19** Avo 20:12-16 § **19:19** Sor 19:18 * **19:24** Rameva; toe tali-randra

25 Nahajanjiñe o mpiama’eo fe loho nidaba, le nanao ty hoe amy IESOÀ: Naho zay,
Ia ty haharombake iareo? 26 Nitoliha’e le nanao ty hoe: Naho ondaty, sarotse i rahay;
fe kila mora aman’ Añahare.

*Tambem-Piama’e*
*Mar 10.28-30; Lke 18.28-30*

27 Hoe ty natoi’ i Petera: Hete! hene nenga’ay hanonjohy Azo, inoñe ty ho
anay? 28 Hoe t’i IESOÀ: Eka! to ty taroñako amo mpañorike ahio: ie miambesatse
am-piambesam-bolonahe’e eo indatiy† amy androm-pizakañey le hiambesatse amy
fiambesatse folo ro’ambi’ i foko folo-ro’ambi’ Israele rey nahareo. 29 Ze mienga
anjomba ndra rahalahy ndra rahavave ndra rae ndra rene ndra valy ndra anake
ndra tane, ty ami’ty añarako, ro handrambe in-jato manahake irezay vaho handova
i fifehean-dikerañey; 30 maro amo valoha’eo ty ho tsitso’e, naho o am-para’eo ty ho
aolo.

# 20

*Eke Teteke Mar 10.31*

1 Ie añe zay le hoe t’i IESOÀ amo mpiama’eo: Ampanahafeñe ami’ty talèn’ anjomba,
i fifehean-dikerañey, ie nañaleñaleñe nañèke ondaty ho amy tetem-bahe’ey. 2 Naè’e
ami’ty bogady* raike iereo ho ami’ty andro raike, le nirahe’e mb’an-tetem-bahe’e
mb’eo. 3 Niavotse indraike re ami’ty ora faha telo vaho nitendreke ondaty nisarasara
an-tsena ao, 4 hoe re tam’ iereo: Akia mb’an-teteko ao ka, vaho hatoloko anahareo
ze mañeva. Le nimb’eo iereo. 5 Niavotse indraike re nanao zay ami’ty ora fah’
eneñe naho amy faha-sivey, le nampanahafe’ amy teoy. 6 Niakatse amy ora faha
folo-raik’ ambiy re nahaoniñe ty ila’e nihenekeneke ey, le hoe ty nanoa’e: Akore
t’ie mijohajohañe etoañe lomoñandro? 7 Hoe ty natoi’ iareo: Ie tsy amam-pañeke,
le hoe re am’iereo: Akia mb’an-teteko mb’eo ka. 8 Ie hariva, hoe ty asa’ i talèn-
tetem-bahey amy mpisarim-piekey: Ikoiho hanolorako ty karama’ iareo, mifototse
ami’ty fara’e, pak’ ami’ty valoha’e. 9 Nandrambe bogady raike o am-para’eo. 10 Aa le
natao’ o valoha’eo t’ie ho nandrambe mandikoatse, te mone songa natolo’e bogady
raike. 11 Le nitreontreoñe amy talèn-tetem-bahey i valoha’e rey 12 ami’ty hoe: Ora
raike ty nitoloña’ i fara’e retia, fe nampirae’o ama’ay nifanehake ami’ty hatrovoha’
i àndroy. 13 Tinoi’e ty hoe ty raike ama’e: O rañeko, Tsy nanoeko ama’o ty tsi-to; tsy
nañeke azo ami’ty bogady raike hao? 14 Rambeso le akia, he satriko ty manolotse
ami’ty hengaha’e tia mira amy azoy, 15 tsy mete hao te hanoeko i satrikoy? maha-
mandofirim-pihaino’o hao te zaho matarike? 16 Aa le ho valoha’e ty fara’e, vaho ho
fara’e ty valoha’e. Maro ty koiheñe fe tsy ampeampe ty ho joboñeñe.

*ty Havilasi’ IESOÀ*
*Mar 10.32-34; Lke 18.31-34*

17 Ie narivo’ Ierosaleme t’i IESOÀ, le natola’e i mpiama’e folo ro’amby rey, vaho
nanoa’e ty hoe: 18 Inao! mionjoñe mb’e Ierosaleme mb’eo tika; le hatolotse amo
Androanavy naho mpisoroñe lohà’eo i Ana’ ondatiy vaho hafà’ iereo havetrake, 19 le
hasese amo kilakila ondatio ho lafañe naho hohofan-doza; f’ie hitroatse ami’ty andro
fahatelo.

*Fahimbañañe*
*Mar 10.35-45*

20 Nimb’ama’e mb’eo ty tañanjomba’ i Zebedia rekets’ i ana’e rey, niambane vaho
nihalaly ama’e. 21 Hoe re tama’e: Inoñe o paia’oo? le hoe re. Te ihe handily ty
amo anako roe retoañe te hitoboke am-pità’o havàna eo ty raike vaho ankavia’o

---

† **19:28** Heb: Dame * **20:2** denariosy

eo ty raike am-pifehea'o ao. 22 Natoi' IESOÀ ty hoe: Tsy apota' areo ty halali' areo.
Lefe' areo hao ty hinoñe amy fitovy hinomakoy†? Tinoi' iereo ty hoe: Lefe'ay. 23 Le
hoe re am'iereo: Nomo i fitovikoy, fe ty hiambesatse an-kavanako naho an-kaviako
eo, tsy ahiko hatolotse, fa ho a i nihalankañañe aze aolon-dRaey‡. 24 Ie jinanji' i
folo rey, le nitorifiheñe am-pihaino' iareo i mpirahalahy roe rey. 25 Tsinikao' IESOÀ
iereo, le nanoa'e ty hoe: Fohino te felehe' o roandria' ze kilakila ondatio iereo,
naho mifehe'iareo ka ty bey. 26 Tsy ho zay ty ama' areo, amy te, ze mipay ho bey
ama'areo le ampitoroño anahareo, 27 vaho ze te ho jabajaba ama'areo ty h'ondevo'
areo, 28 manahake te tsy niavy ho toroñeñe i Ana' ondatiy, fa ty hitoroñe§, hanolo-
batañe ho vilin' ai' i màroy.

### *Isa' o Feio*
### *Mar 10.46-52; Lke 18.35-43*

29 Nigodañe e Hieriko ao iereo, ie norihe' i lahialeñey. 30 Ingo niakatse mb' añ'olon-
dalañe mb'eo ty 'ndaty fey roe naho nahajanjiñe ty fizakozakoa' i lahialeñey le
nañontane ty ama'e, naho nisaontsiañe te mañavelo mb'eo t'IESOÀ nte-Nazareta,
vaho nipoñafa' iereo ty hoe: Ry Ana' i Davide, ferenaiño zahay. 31 Fe nendaha'
i lahialeñey ami'ty hoe: Mamatsy; te mone nindrae' iereo am-pazake ty hoe: O
Rañandria, Ana' i Davide, itretrezo.
32 Nijohañe t'i IESOÀ, le kinanji'e, vaho nanoa'e ty hoe: Inoñe o paia' areo hanoeko?
33 Hoe iareo: O Rañandria, ty hampibarababeake o maso'aio. 34 Niferenaiña' IESOÀ, le
tsinapa'e o fihaino' iareoo, naho nanoa'e ty hoe: Nampijangañe anahareo ty fatokisa'
areo, le nahaisake amy zao iereo naho nandrenge an' Andrianañahare naho nañorike
aze vaho hene nañonjoñe an'Andrianañahare ondatio ty am'izay.

## 21

### *Ty Figodañañ' am-Pitreñañe*
### *Mar 11.1-10; Lke 19.29-38; Jao 12.12-15*

1 Ie nañarine Ierosaleme, naho nandoake e Beit-Pagè, Ambohi-Oliva eo, le nirahe'
IESOÀ ty roe amo mpiama'eo, 2 ami'ty hoe: Akia mb'amo mikijoly ey hoek' ey, le ho
oni' areo amy zao ty borìke mirohy rekets' ana'e, hahao, vaho tantalio mb'amako
mb'etoa. 3 Ie isaontsia' t'indaty ndra inoñ' inoñe, le irehafo te ipaia' i Talè, vaho
havotso'e homb'eo amy zao.
4 I he'e zay, hañenefañe i nampisaontsieñe i mpitokiy ty hoe:
5 Taroño ty anak' ampela' i Tsione:
Inge mb'ama'o mb'eo ty Mpanjaka'o,
vantañe naho lahifihaty,
mireke, miningitse tamanam-borìke,
ami'ty kondam-borìke, ana' ty borìke-vave,*
6 Aa le nimb'eo iereo, nanao i nitoroa' IESOÀy, 7 Nente' iereo i borìke rekets' ana'ey,
le nandafiha' ty ila'e ty akanjo naho saro'iareo naho niningitse ama'e t'i IESOÀ, vaho
nionjoñe mb'eo 8 Nandamike o saravi'eo an-dalañe eo ty ila' i màroy, le nibira singan-
katae ty ila'e ze nahifike eo ka. O aolo'eo naho o am-boho'e eo 9 songa nikaike ty hoe:
Hosana†, ry Mpañaha ty voatse toy;
Andriañeñe ty mitotsake
ami'ty tahina' IEHOVÀ;‡
Hosana, Mpandromba'ay;

---

† **20:22** Heb: hifeake ty fijaleañe naho i havilasy hifeahakoy hao? ‡ **20:23** Mar 10:39, Lke 12:50 § **20:28** Mar 10:45, Ies 49:1-7 * **21:5** Zek 9:9 : G: anam-biby mpivave kilànkañe † **21:9** Hosana: 'ehe rombaho' ‡ **21:9** Sab 118:26

Honjonen-drehe andindìñe añe
naho an-tane atoy!
10 Ie nizilike e Ierosaleme ao t'i IESOÀ le nangetseketseke iaby i rovay, nanao ty hoe:
Ia v'izao? 11 Le nifanao ty hoe ondatio: IESOÀ, Mpitoky, nte-Nazareta' i Galiliay.

*Ie Nañalio i Anjombay*
*Mar 11.15-17; Lke 10.45,46*

12 Nizilike añ'Anjomban' Añahare ao t'i IESOÀ le nitendreke mpanao balike, le
navalitaboa'e o tihim-panakalo volao, naho ty fitoboha' o mpandetake dehoo, 13 vaho
nanoa'e ty hoe: Hoe ty pinatetse:
Hatao anjombam-pitalahoa' ze hene fifeheañe ty Akibako§,
te mone lakatom-piaroteñe ty nanoa' areo aze.*
14 Le nimb'ama'e añ'Anjomba ao o feio naho o kepekeo vaho jinanga'e. 15 Niheo
mb'eo o mpisorom-beio naho o Androanavio hisamba o raha fanjàka nanoe'eo, ie
nikoikoike añ'anjomba ao o ajajao nanao ty hoe: Rengeñe t'i Anan' Añahare. F'ie
ninjea' o Androanavio, 16 ami'ty hoe: Tsy janji'o hao ty volàñe' o retiañe? Tinoi'e ty
hoe: Eka mahatsanon-draho! Tsy vinaki' areo hao ty hoe,
Hirik'am-bavan' ajaja
naho ajajamena
ty nañoreña'o haozarañe†?
17 Nienga re, niavotse mb'e Betania mb'eo naho nialeñe ao, vaho nampalangese'e
am'iereo i Fifehean-Dikerañey.

*i Sakoañey*
*Mar 11.11-14, 20-24*

18 Ie maraindraiñe, nibalike mb'an-drova mb'eo, nisaliko; 19 Niisa'e ty sakoañe
añ'olon-dalañe ey le nitotofa'e, fe tsy nanjò ama'e naho tsy raveñe avao, vaho
nanoa'e ty hoe: Le lia'e tsy hiboaham-boa ka. Tsipaepae zay, niforejeje i sakoañey.
20 Vereñe o mpiama'eo te nahaoniñe zay le nanao ty hoe: Inoñe ty nampangèñe i
sakoañey anianik' avao?
21 Tinoi' IESOÀ ty hoe: Ie ama-patokisañe, tsy mifejofejo, le tsy vaho o sakoañeo ty
hanoe'o zao, fa naho lilie' areo o vohitse eroio ty hoe: Miavota, mivaridìña andriak'
añe, le hanoe'e. 22 Ndra inoñ'inoñe ihalalia' areo te milolok' am-patokisañe, le ho
azo' areo.

*ty Nanolo-dily amy IESOÀ*
*Mar11l.27-33; Lke 20.1-18*

23 Nizilike añ'anjomban' Añahare ao re hañoke le nimb'ama'e mb'eo o roan-
driañeo naho o mpisorom-beio naho o mpifehe' ondatioo nanao ty hoe: Ami'ty lili'ia
ty anoa'o zao? Ia ty nanolots'Azo o haozarañe zao?
24 Tinoi' IESOÀ ty hoe: Ontane raike ka ty hañontaneako anahareo, toiño i ahikoy,
le hitaroñako ty lily anoeko zao. 25 Ty filipora' i Jaona, boak'aia? hirik' andindìñe
ao hao ke boak' am'ondatio? Niñeoñeoñe ty hoe iereo, Ino ty hanoen-tika? naho
manao ty hoe tika: Hirik' andindiñe ao, le hivolaña'e ty hoe: Aa vaho akore t'ie tsy
niantofa' areo? 26 ke manao ty hoe tika: Boak'ama' ondaty, ie ihembañan-tika fa
songa miantoke te mpitoky t'i Jaona? 27 Aa le hoe iereo, Tsy fohi'ay. Le hoe re: Zaho
ka tsy hanoro anahareo ty lily itoroñako irezay.

*Ty Mpirahalahy Roe*

28 Aa akore ty heve' areo? Teo t'indaty aman' ana-dahy roe: nimb' ami'ty raike
re nanao ty hoe: Akia anake, mañalahalà an-tetem-baheko ao te anito. 29 Hoe ty

§ **21:13** Ies. 56:7 * **21:13** Iir. 7:11 † **21:16** Sab 8:2

natoi'e, Aiy! tsy satriko zay. F'ie añe naneñeñe le nimb'eo. 30 Nimb'ami'ty raike
ka re, nanao i hoe zay. Nanoiñe ty hoe re: Intoy raho, Aba. F'ie tsy nimbeo. 31 Aa,
ia amy roe rey ty nanao ty satrin' arofon-drae'e? Hoe iereo tama'e: I valoha'ey.
Le hoe t'i Iesoà: Eka! to t'itaroñako te hiaolo anahareo mb'am-pifehean-dikerañe
ao o piaroteñe naho tsimiriraňeo, 32 amy te niheo mb'ama' areo an-dalam-bantañe
t'i Jaona, fe tsy niantofa' areo. Natoky aze ka o piaroteñeo naho o karapiloo; ie
niisa'areo zay, le mbe tsy nitolike an-tsoloho avao hiantok' aze.

*Ty Mpamondro*
*Mar 12.1,12; Lke 20.9-19*

33 Inao ty razan-drehake ty ami'ty mpambole: Teo t'indaty aman-kasy nañalahala
tetembahe, nañarokatoha'e fefe, nañoreña'e fitalakesañ' abo, naho nihalia'e
fipiritan-divay, le nafanto'e amo mpitoroñeo vaho nienga mb'eo. 34 Ie tsatoke ty
sam-panontonan-tsabo, le nahitri'e mb'amo mpiavao mb'eo o mpitoro'eo hangalake
i vara'ey. 35 Fe tsinepa' o mpamboleo o mpitoro'eo, trinabotrabo' iereo ty valoha'e,
vinono ty faharoe, vaho finetsam-bato ty fahatelo. 36 Nañirake mpitoroñe indraike re,
maro te amy valoha'ey, fe hambañe amy teoy ty nanoañe iareo. 37 Fara'e, nasangitri'e
am'iereo i ana-dahi'ey ami'ty hoe: Hera hiasia' iareo i anakoy. 38 Ie nitrea' o mpiavao
i ana'ey, le nikinia ty hoe: Intoy i mpandovay, antao hañè-doza ama'e, handovan-
tika i taney. 39 Aa le rinambe' iereo naho navokovoko' iereo alafe' i tetekey vaho
navetrake. 40 Aa ie pok'eo i talèn-tanem-bahey, hatao'e akore iareo?

41 Le hoe iereo tama'e: Ty amo lo-tserekeo, ho zamane'e an-keloke, le hatolo'e
ami'ty mpiava ila'e i tanem-bahe'ey, hitolora' iareo an-tsa-do'e ty voka'e.

42 Hoe t'i Iesoà tam' iereo: Tsy vinaki' areo hao i Sokitse Masiñe manao ty hoe:
I vato nadò' o mpandranjioy
le fa lohan-kotsoke;
boak'am' Iehovà zay,
fiain-tane am-pihaino'ay‡?

43 Aa le itaroñako te hasintake ama' areo i fifehean-dikerañey le hatolotse ami'ty
fifeheañe mahavokatse. 44 Haretsake ambane ze mihotrake ami'ty vato toy; le ho
foifoy ty ideboña'e§.

45 Nahajanjiñe o fandrazañañeo o mpisorom-beio naho o Fariseoo, le naharendreke
t'ie o tsinara'eo. 46 Aa le nipay hitsepake aze iereo, fe nimarimariheñe i lahialeñey,
ie nitañe aze ho mpitoky.

# 22

*ty Sabadidam-Pañengàm-Baly*

1 Nitaroñe am'iareo añ' ohatse indraike t'i Iesoà, ami'ty hoe: 2 Sareañe ami'ty
mpanjaka nañalankañe sabadidan' enga-vao i fifehean-dikerañey. 3 Nahitri'e
mb'amo nambarañe amy sabadidakeio o mpitoro'eo, fe tsy nisatrie'iereo ty homb'eo.
4 Mbore nañitrike mpitoroñe ila'e ami'ty hoe, Taroño amo nambarañeo ty hoe: Ingo
fa nihalankàñeko i sabadidakey, fa nandenta añombe naho voroñe, fonga veka'e:
ehe mahavia mb'amy fañengàm-baliy. 5 F'ie tsinambolitio' iereo vaho niveve añe,
teo ty nimb' an-drova mb'eo, teo ty nimb'an-tolon-draha'e añe. 6 Rinambe ty ila'e ka o
mpitoro'eo, nahivivio' iereo, naho navetra' iereo. 7 Jinanji' i mpanjakay, le nandofiry,
naho rinoa'e añe i mpamono rezay vaho finorototo'e añ'afo ty anjomba' iareo. 8 Le
hoe re amo mpitoro'eo: Fa hinajary i enga-vaoy, fe tsy mañeva o nambarañeo. 9 Akia

‡ **21:42** Sab 118:22,23 § **21:44** Lke 20:18, Rom 8:10,13, Kol 3:5

henaneo mb’amo lalañeo mb’eo, le ambarao ze tendreke hiatreke i sabadidan’ enga-
valiy. 10 Niavotse mb’amo lalañeo mb’eo o mpitoroñeo, le hene natontoñe ze nizoeñe
ndra ty soa ndra ty raty vaho nifonitse mpikama i sabadidan’ enga-valiy.
11 Nizilike ao i mpanjakay hisary o nikamao, naho nanjo ondaty tsy nisaroñe
sikim-panambaliañe, 12 le hoe re tama’e: O rañetse, akore ty nimoaha’o atoañe,
ihe tsy aman-tsarimbom-panambaliañe? F’ie nitsiñe. 13 Le hoe i mpanjakay tamo
mpitoro’eo: Rohizo o taña’e naho tombo’eo vaho ajorobo an-kerakeran-tsikeokeoke
ao, am-paran-kalalefan-tsikeokeok’ ao; amy fangololoihañe naho ali-vazañey. 14 Maro
ty kinanjy, fa tsi-ampeampe ro joboñeñe*.

*Tsinoke t’i IESOÀ*
*Mar 12.13-17; Lke 20.20-26*
15 Niveve hey o Fariseoo, hikilily ty hampidreñam-pandrike aze an-tsaontsi’e. 16 Le
nirahe’ iereo mb’ama’e mb’eo ty ila’ o mpiana’ iareoo naho ty boak’ amo borizà’ i
Herodao, hanao ty hoe: O Talè, apota’ay te migahin-dRehe, mañoke o lalan’ Añahareo
an-dili-po, tsy an-kahembañe, vaho tsy mirihy. 17 Isaontsio ty heve’o: Hake hao ty
mandroroñe amy Kaisara, he tsie?
18 Fe niarofoana’ IESOÀ ty famañahia’ iareo, le hoe re, Ty soa-miatreke, ino ty
anigiha’ areo ahy? 19 Atorò ahy i bogady faroroñey. Le nindesa’ iereo drala sotra.
20 Le hoe re tam’iereo: Sare ia naho vinta’ia v’itoy? 21 Hoe iereo: A i Kaisara. Le hoe
t’i IESOÀ tam’ iereo: Ampolio amy Kaisara ze a i Kaisara, naho aman’ Añahare ze an’
Andrianañahare. 22 Nahajanjiñe iereo le nilatsa naho nisitake aze vaho nibioñe.

*Fitsoha’ o Tsadokeo*
*Mar 12.18-27; Lke 20.27-40*
23 Tamy àndro zay, nifañaoñe ama’e o Tsadokeo, o mandietse ty fitroarañ’ an’
kavilasio, le nañontane aze 24 ty hoe: O Talè, toe nisaontsie’ i Mosè aman-tika, t’ie
mitrao-pimoneñe ty mpirahalahy naho mihomake ty raike tsy aman’ ana-dahy, le ty
rahalahi’e ty hañenga i nivali’ey hampitroara’e tiry ho a i rahalahi’ey.† 25 Inao, t’ie
fito mirahalahy aman-tika, nañenga valy ty zoke’e le nivetrake tsy nampipoke tiry, le
nengae’ i rahalahi’ey i vali’ey. 26 Nanao zay ka i faha-roey naho ty faha-telo, pak’amy
faha-fitoy. 27 Ie añe, nihomake i rakembay. 28 Aa kanao fanaña’ iareo iaby, ia amy
fito rey ty ho vali’e?
29 Tinoi’ IESOÀ ty hoe iereo: Mandilatse nahareo naho tsy mahafohiñe ndra
o pinatetseo ndra ty haozaran’ Añahare‡. 30 Ie amy androm-pampivañonan-ko
veloñey, tsy hañenga ampela ty lahilahy, ndra lahilahy ty ampela, fa hanahake
o anjelin’ Añahare andindìñeo. 31 Tsy vinaki’ areo hao, ty amy fampitroarañe o
vilasioy, i nitsara’ IEHOVÀ ama’ areoy ty hoe:
32 Zaho IEHOVÀ
ro Andrianañahare’ i Abraàme,
naho t’i Andrianañahare’ Isaka,
naho t’i Andrianañahare’ Iakobe?
Kanao izay, le tsy Andrianañahare’ o nihomakeo re, fa a o veloñeo. 33 Ie
nahajanjiñe zay i lahialeñey le nilatsa amy hihi’ey.

*Ty Lily Bey*
*Mar 12.28-34*
34 Aa ie nirendre’ o Fariseoo te tsy nanan-kavale o Tsadokeo, le nifanontoñe, 35 le
hoe ty ontane’ ty mpahay Hake ama’e hitsoke aze: 36 O Talè, inoñe ty lily lohà’e amy
Hake ao? 37 Le hoe re tama’e:
Kokò t’IEHOVÀ Andrianañahare’o an-kaampon’ arofo naho

* **22:14** Mat 20:16, Iir 3:14 † **22:24** Its 25:5 ‡ **22:29** Mar 12:24

an-kaliforam-piaiñe vaho
an-kaozara'o iaby.§
38 Zay ty lohà'e.* 39 Hambañ'ama'e ty faha-roe:
Kokò ondatio manahake ty vata'o.†
40 Amy lily roe rey ro iantehera' t'i Hake iaby naho o Mpitokio.

*Ana'ia i Norizañey*
*Mar 12.35-37; Lke 20.41-44*

41 Nifandrimboñe o Fariseoo, le nañontanea' Iesoà 42 ty hoe, Akore ty safiri' areo
ty amy Norizañey? T'ie ana' ia? Tinoi' iereo ty hoe: Ana' i Davide. 43 Hoe re tam'
iereo: Aa vaho akore t'i Davide, ie añamy Arofo Masiñey ro nikanjy aze ty hoe: Talè,
44 amy pinatetse ty hoe:
Nitsara amy Talèko t'Iehovà ami'ty hoe:
Mitoboha an-tañako havana etoa
ampara' te anoeko atimpahem-pandia'o
o rafelahi'oo‡?
45 Aa kanao natao' i Davide: Talè, inoñe ty maha ana'e aze. 46 Tsy nahatoiñe
aze ndra volan-draike iereo, le tsy teo henane zay ty nahavany nañontane aze ndra
inoñ'inoñe.

## 23

*Ty sata'o Fariseoo*
*Mar 12.38-40; Lke 20.45-47*

1 Le nitaroñe' Iesoà amy lahialeñey naho amo mpiama'eo, 2 ty hoe: Fiambesa'
o Fariseoo naho o Androanavio ty fiambesa' i Mosè; 3 ze itsara'e, ambeno naho
ano; fe ko oriheñe o fepè' iareo ndra o sata' iareoo, amy t'ie misaontsy fa tsy
manao*. 4 Mitakàroke iereo, manolotse voròngo jabajaba saro-jinie' ty soro' ondaty,
f'ie mifoneñe tsy hañonjoñe ndra ty rambom-pitàñe hameve aze. 5 Fonga anoe' iereo
ho fisambañe o fitoloña' iareoo; itare' iereo ty kontra'iareo, naho halavae' iereo o
lifin-tsarimbo' iareoo†. 6 Tea' iereo ty hàndre an-dohà'e eo amo sabadidakeoo, naho
ty ampiambesareñe aolo am-pivory ao, 7 naho ty mibaboke an-damoke ao, vaho ty
hikanjiañe ty hoe: Raby. 8 Fe ko irie'areo te hanoeñe ty hoe Talè, amy te raike ty
Talè' areo, vaho mpiroahalahy iaby nahareo. 9 Tsy ho kanjie' areo ty hoe Rae t'indaty
an-tane atoy, fa raike t'i Rae' areo, i andindìñey. 10 Tsy hatao Mpiaolo ka nahareo,
fa raike ty Mpiaolo' areo, i Norizañey. 11 Ty bey ama'areo ty hitoroñe anahareo.
12 Harèke ty mitoabotse, haonjoñe ty miambane.
13 Hankàñe ama' areo Fariseo naho Androanavio, ty mpamañahy! amy te agabe'
areo am'ondatio i fifehean-dikerañey; tsy imoaha' areo, le sebañe' areo tsy himoake
ao o te hizilikeo.
14 Hankàñe ama' areo Fariseo naho Androanavio, ty mpamañahy! Abotse' areo
naho infanjara' areo ty hanaña' o vantotseo ami'ty kora-lava. Aa le ho fandilovañ'
ela ty anahareo.‡
15 Mañariary riake naho tane nahareo hamehe ty tro' ondaty raike ho ami'ty
fiantofa'areo, ie mivahotse ao le fa indroe' i taoloy ty haratia'e.
16 Hankàñe ama' areo ry fifañosoña' ty goa, ie atao' areo ty hoe: Tsy hañavake ty
mifanta amy anjomban' Añaharey, fe azi'areo hañavake ty mifanta aman-dra inoñ'
inoñe natokañe ami'ty firafi' i anjomban' Añaharey!

§ **22:37** Its. 6:5 * **22:38** Solò: 38Zay ty lily ra'elahy naho valoha'e. † **22:39** Sor 19:18 ‡ **22:44** Sab 110:1
* **23:3** Mp II 17:34 † **23:5** Vol 15:38 ‡ **23:14** Toko'e ampifotereñe ty 15/14 ty amy rafi'e; le afindra hanonjohy ty a.32 ty a.16-22 ty amy rafi'e taolo

17 Ry ondaty dagola naho goao! ty aia ty ambone, o raha natokan-ko amy anjombay,
ke i anjombay?
18 Le tsy ampañavaha'areo ka ty mifanta amy kitreliy, fe azi'areo hañenga ty
mifanta amy engaeñe amy kitreliy. 19 Ty goa; aia ty ambone, i engaeñey hera i
kitreliy, i engay ke i anjombay? 20 Ty mifanta amy kitreliy mifanta ama'e naho amy
ze he'e ama'e. § 22 Ze mifanta amy fiambesan' Añaharey, mifanta ama'e naho amy
mpiambesatse ama'ey.
23 Hankàñe ama' areo, Fariseo naho Androanavio, Asese' areo ty faha-folo' o añam-
poretrakeo, ty beañe, naho ty taikombelahy, fe* apo' areo ty vente' o lili' i Hake zao:
ty fatarihañe, ty hatò, naho ty figahiñañe; toe hanoeñe i lily rezay fe tsy handikofañe
o ila'eo†.
24 Ry tirim-piaolo goa, mpanatavañe lale-dronono vaho mpampigedran-drameva.
25 Hankàñe ama' areo, Fariseo naho Androanavio, ty mpamañahy! Liove' areo
alafe'e ty fitovy naho ty akalañe, f'ie lifo-katramo naho haleorañe ty ao. 26 Ty
mpamañahy, liovo hey ty am-po'e ao, le halio ka ty alafe'e.
27 Hankàñe ama' areo, Fariseo naho Androanavio, ty mpamañahy! fa mpihambañe
amo kibory nifotieñeo, ie fanjàka ho a ondatio ty alafe'e eo, fe minitse taolan-dolo
naho hativàñe ty ao. 28 Ie mieva h'ondaty vañoñe añatrefa' ondatio, te mone atsa-
pamañahiañe vaho halo-tsereke ty an-tro' areo ao.
29 Hankàñe ama' areo, mpamañahy, Fariseo naho Androanavio! Fa aore' areo ty
lona' o mpitokio naho volovoloe' areo ty kibori' o mahitio, 30 vaho manao ty hoe:
Naho teo zahay tañ' andron-droae'ay le tsy ho nomei'ay ty hañohofan-doza amo
mpitokio. 31 Aa le mpitalily vatañe t'ie ana' o mpamono mpitokio. 32 Fanoe' areo o
satan-droae' areoo.
33 Ty mereñe! Tariran-dapetake, akore ty hipotitsiha' areo ty fa' i tsikeokeokey‡
naho tsy mitolike am-pisolohoañe?
34 Aa le: Inao, hañitrifako mpitoky naho mahihitse naho Androanavy§; ho vonoe'
areo ty ila'e, ho lafae' areo am-pivori' areo ao ty ila'e, vaho ho horidañe' areo an-
tanañe pak'an-drova. 35 Soa te hene hafetsake ama' areo ze lio miavake nadoañe
an-tane atoy, mifototse ami'ty lio' i Abela vañoñey, pak'ami'ty lio' i Zakaria ana' i
Barakia vinono' areo añivo' i anjomban' Añaharey naho i kitreliy.
36 Eka! to t'itaroñako te, hidoñe ami'ty tariratse toy i he'e zay, 37 naho am'
Ierosaleme, mpamono mpitoky, naho manintake o niraheñeo; impire hao ty
nisalalako hatontoñe o ana'oo, hambañe ami'ty anontona' ty rene akoho o ana'e
ambanen' ela'eo, fe tsy nimete nahareo! 38 Aa le hengañe mangoakoake ama'areo
o anjomba'areoo; 39 Eka! itaroñako te tsy ho oni' areo raho henane zao, ampara' te
hanoe' areo ty hoe:
Andriañeñe ty mitotsak' ami'ty tahina' IEHOVÀ!*

# 24

*Harotsake i Anjombay*
*Mar 13.1, 2; Lke 21:5,6*

1 Aa ie nienga i Anjomban' Añaharey t'i IESOÀ, naho nañavelo mb'eo, le niharivoa'
o mpiama'eo hampisamba' iareo aze o traño añ'anjomban' Añahareo. 2 Hoe re: Hene
isa' areo o ey hoek'eio! Eka! to t'itaroñako te fonga harotsake vaho tsy hadoñe eo ty
vato raike mitongoa ami'ty raike.

§ **23:20** Gr: 21I mifanta amy anjomban' Añahareiy le mifanta ama'e naho amy mimoneñe ama'ey. * **23:23** Heb: asosoke: mampikamitse vaho † **23:23** Lke 11:42 ‡ **23:33** Grika: tsy eo ty sisa § **23:34** Mat 13:52 * **23:39** Sab 118:26; Heb: Solo: Andriañeñe i Mpandrombak' anaiy. Ies 60:16,

### *Mañontane ty ho avy*
### *Mar 13.34; Lke 21.7*

3 Ie niambesatse ambohi’ Oliva am-pitalakesañe i Anjomban’ Añaharey, le natola’
i Petera, i Jaona naho i Andrea, nañontane aze ty hoe: Mbia te ho tondroke irezay?
naho inoñe ty ho vilo’ te hifetsake i he’e tsaraeñey, he mbia ty hamotora’e naho
mbia ty figadoña’ ty tane toiy vaho i fitotsaha’oy? 4 Natoi’ Iesoà ty hoe: Mitaòa tsy
hampandifihe’ ondaty. 5 Amy te maro ty ho pok’eo ami’ty añarako hanao ty hoe:
Zaho i Norizañey, hampandrifitse ty maro. 6 Ry koahe, Naho mahajanjiñ’ aly naho
firimboñam-balobohòke, le mitaoa tsy ho dereñe, amy te tsy mahay tsy ho tondroke,
fe mboe tsy ie i figadoñañey. 7 Hitroatse hiatreatre ty fifeheañe ty fifeheañe,
naho ty fifelehañe ty fifelehañe, naho ho eo ty fivalitaboahañe jabajaba, naho san-
kasalikoañe hampioje, vaho fanginiginihan-tane an-koe. 8 Fifotoram-pitsongoan’
ampela irezay.
9 Ie ho tantalieñe mb’an-tsamporeraheñe naho havetreke, hinjè’ ze kila fifeheañe
ty ami’ty añarako. 10 Ho embetse ty maro, hifampikinia vaho hifampiloroloro.
11 Hitroatse ty mpitoki-vìlañe, hampandifike ty maro, 12 ie mitombo ty haloloañe le
hangodafotse ty fikokoa’ i màroy. 13 Ho rombaheñe ze mahafifeake pak’am-para’e*.
14 Hanitsike ty tane toy ty fitaroñañe ty Talili-soa toy†, ho fitaliliañe ahy amo kila
fifeheañeo, zay vaho ho tondroke i figadoñañey.
15 Zao i Norizam-Bilañey, ie i Hativàñe Mandrotsake nampisaontsieñe i Daniele,
mijagarodoñe amy tsy mete ijohañañey. Mandrendreha ry mpamaky‡; 16 Ie amy zay,
ry e Iehodào, miherereaha mb’am-bohitse añe. 17 Asoao tsy hizotso handrambe raha
an-traño’e ao ty an-tafo traño ey. 18 Asoao tsy hibalike hipay ty saro’e ty an-teteke
añe.
19 Feh’ ohatse amo mivesatseo naho amo mampinonoo amy andro rezay.
20 Mihalalia aman’Añahare te tsy ho ami’ty andro Sabata ty filaisa’ areo, 21 amy te
ho lako fisotriañe henane zay, ze mbe tsy nitendreke boak’ am-pifotora’ ty tane toy
pake henanekeo, Aiy! le tsy hahereñe ka. 22 Aa naho tsy nitomòreñe§ i andro rezay,
le tsy ho nanjo nofotse ho rombaheñe, fe ty amo jinoboñeo le tsy ampeampe i andro
rezay.
23 Ie henane zay, naho eo ty hanao ty hoe ama’ areo: Hehe intoy i Norizañey,
ndra Indroa; ko miantoke. 24 Amy te hiongake o mpisare norizañeo naho o mpisare
mpitokio, hanolo-tsahàtse naho hadabàñe jabajaba t’ie, naho nimete, ho nampanjike
o jinoboñeo.

### *Ty Fiavy Faharoe*
### *Mar 13.24-27; Lke 21.25-28*

25 Aa naho talilie’ iereo te, Inai-ie an-jerezere tane añe. Ko miakatse mb’eo; ndra,
Inay, an-traño bangiñe ao; ko miantoke. 26 Inao, fa nitaroñako aolo ty hifetsaha’e.*
27 Le hoe t’i Iesoà amo mpiama’eo: Manàhake ty fihirifa’ ty helatse atiñanañe añe
vaho isake ahandrefañe eñe, ty hitotsaha’ i Ana’ ondatiy. 28 Fa amy ze idoña’ ty lolo
ty itontona’ o koàkeo†. 29 Ie henane zay, naho tampetse ty hasilofeñe amy andro rey,
le haieñe i àndroy,
naho tsy homei’ i volañey ty hazavà’e;
hihintsañe hirik’ andindìñe eñe
o vasiañeo vaho hiezeñezeñe ty valobohò’ i likerañeio;‡

---

* **24:13** Mat 10:22, Heb 3:6,14, 10:39, Ben 3:10 † **24:14** Abeja’e ty hoe: i evanjeliy ‡ **24:15** Dan 9:27; 11:31; 12:11 § **24:22** Heb: ni-tsy-ampeampe * **24:26** Grika: Apoke aolo’ i 26 eo ty andine’e toy. † **24:28** Lke 17:37, Ben 19:17-18 ‡ **24:29** Ies 13:10; 34:4

30 Le hisodehañe andindìñe ey ty vilo’ i Ana’ ondatiy, naho hene hirovetse§ ze foko’
i taney, vaho ho isa’ iereo ty fitotsaha’ i Ana’ ondatiy amo rahon-dikerañeo mindre
ami’ty valobohoke ra’elahy naho am-bintañe maharevendreveñe*. 31 Hampihitrife’e
ami’ty antsiva ra’elahy naho am-pazake abo o anjeli’eo, hanontoñe o jinoboñeo
hirike amo tiok-efa’ i likerañey, boak’ añolon-dindiñe eñe pak’añ’ila’e ka.

*o Sakoañeo*
*Mar 13.28-31; Lke 21.29-33*
32 Rendreho ty fandrazaña’ i sakoañey; ie isa’areo o singa’eo naho o rave’e
mibotibotio, le fohi’ areo t’ie mitotoke 33 o lalam-beio. 34 Eka! to t’itaroñako te tsy ho
modo ty sa toy, ampara’ t’ie heneke iaby†. 35 Hihelañe añe i likerañey naho ty tane
toy.

*Faha’ i Noe*
*Mar 13.32-37; Lke 21.34-36*
36 Mboe tsy eo ty mahaisake i àndroy ndra i oray; tsy o anjelin-dikerañeo, fa t’i
Rae avao‡. 37 Hoe ty tinovo’ Iesoà amo mpiama’eo: Hambañe amy faha’ i Noey, o
andro’ i Ana’ ondatiio. 38 Manahake te tañ’ andro taolo’ i fiepoepoan-dranoy, nikama
naho ninoñe iereo, namokatse naho nanaranake ampara’ i andro niziliha’ i Noe amy
lakam-poloaiiy ao, 39 le tsy napota’ iereo naho tsy nisorotombahe’ i fiepoepoañey ze
namongotse iareo; hoe zay ty hitotsaha’ i Ana’ ondatiy. 40 Ie amy zay, roe lahy ty hiava
an-tetek’ ey, ho rambeseñe ty raike, hapoke ty raike. 41 Ampela roe ty handisañe am-
pandisanañe eo, ho rambeseñe ty raike, hadoñe ty raike.§
42 Le hoe t’i Iesoà amo mpiama’eo: Aa le mijilova: amy te mbe tsy nioni’ areo ty
ora hihavia’ i Talè’ areoy. 43 Rendreho zao t’ie nahaoniñe ty ora ho nipoteaha’ ty
malaso, le ho nijilo; le tsy ho nenga’e poñafeñe i anjomba’ey. 44 Aa le mihentseña
amy te tsy fohi’ areo ty ora hitotsaha’ i Ana’ ondatiy.

*ty Mpitoroñe Roe*
*Lke 12.41-48*
45 Akore ty heve’areo ty amy mpitoroñe migahiñe naho mahihitse, ie nampifehe’
ty talè’e o keleia’eo, hamahana’e mahakama ami’ty fotoa’e? 46 Haha ty mpitoroñe
zoe’ i talè’ey manao zay ami’ty fiavi’e. 47 Eka! to t’itaroñako, te hampifehe’e aze
*o keleia’eo. 48 Fa naho tsivokatse i mpitoroñey, ie mitsakore an-tro’e ao ty hoe,
Miesoñe ty fiavi’ i talèkoy; 49 naho mamototse mandafa o mpitoro’ i talè’eo, vaho
mitrao-pigenoke naho finoñe amo màhakeo, 50 le hipoteake ami’ty andro tsy itamà’e
aze naho ami’ty ora mahatakèke aze i talè’ey, 51 le haitoa’e naho hapo’e an-toe’ o
mpamañahio ty anjara’e; fangololoihañe naho fikodrìta-nife ty ho ao.

# 25

*Ty Somondrara Miehañe Folo*
1 Nitaroñe amo mpiama’eo indraike t’i Iesoà, ami’ty hoe: I fifehean-dikerañey,
le ampanahafeñe ami’ty somondrara folo; songa ninday ty jiro-kapoa’e vaho
nionjoñe hifanalaka amy mpañengay*. 2 Nineñe naho votro ty lime, nahihitse naho
nahimbañe ty lime. 3 Ninday o jiro’eo i lime nineñe rey, f’ie tsy nañandesañe solike,
4 Ninday solike an-jonjòñe mindre amo jiro’eo i nahihitse rey. 5 Ie niroñoñ’ añe i
mpañengay, le nilañahen-droro. 6 Aa naho nivaki-miraleñe, inay ty koike: Inao,
hitotsake i mpañengay, antao hifanalaka ama’e. 7 Nitroatse amy zao i somondrara

§ **24:30** Zek 12:10, 12:14 * **24:30** Dan 7:13,14 † **24:34** Iir 31:35 ‡ **24:36** Mar 13:32 § **24:41** Heb: tovo’e: amy te hafaha’ o anjely añ’ olo’ ty tane toio o boloko fitsikapiañe an-tane atoio, hañavake ty soa ami’ty raty.
* **24:47** Grika: solo: o hanaña’e iabio * **25:1** Heb: tovoño: Naho i engaeñey

rey, nikotepe o jiro'eo. 8 Aa hoe i mineñe rey amo mahihitseo: Anoloro solike fa
kípeke o jiro'aio. 9 Hoe ty natoi' i nahihitse rey: Aiy! hera tsy hahaeneñe ty anay naho
ty anahareo: Akia hey mb'amo mpanao-balikeo, le ikalò ho anahareo. 10 Aa ie nitoha
hivily añe, nitotsake i mpañengay naho nindre ama'e mb' an-tsabadidan-enga-vao
ao o niveka'eo, vaho nagabeñe ty lalam-bey. 11 Ie añe, loneake eo i somondrara
mineñe rey nikoike amy lalambeiy ami'ty hoe: Rañandria, isokafo. 12 Hoe ty natoi'e:
Taroñeko ama'areo, toe alik'amako nahareo. 13 Aa le mitaoa, fa tsy fohi'areo ndra ty
andro ndra ty ora hitotsaha' i mpañengay.

### *Tambe' ty Lili-po*

14 Hoe ka ty nandrazaña' Iesoà amo mpiama'eo: Ampanahafeñe amy t'indaty
mitaveañe añe; kinanji'e o mpitoro'eo, le nandivà'e vara. 15 Tinolo'e bogady
volamena lime ty raike, nanolora'e bogady volamena roe ty faharoe, vaho raike
ty fahatelo; songa ty amy hahalefea'ey; vaho nañavelo amy lia'e añe. 16 Nimb'eo
i nandrambe bogady volamena limey le nahatovoñe lime. 17 Manahake zay, i
nandrambe roey, nimb'eo re nikalo, nandetake, vaho nampitomboe'e [roe]. 18 Fe
nimb'eo i nahazo raikey nihaly an-tane vaho nakafi'e ao i drala' i talè'eiy. 19 Ie roñoñe
añe, niloneake ty talè' i mpitoroñe rey vaho nampamolilia'e. 20 Nitotoke mb'eo i
nahazo bogady volamena limey le nanoa'e ty hoe: O Talè, tinolo'o bogady volamena
lime raho, Heheke te nampitomboeko lime. 21 Hoe i talè'ey ama'e: Toe mpitoroñe
soa naho migahin-drehe, amy te ihe nahambeñe i tsiampey le hampifehèko maro,
miheova mb'am-pirebehan-talè'o atoa. 22 Nañarivo mb'eo ka i nandrambe bogady
volamena roey, nanao ty hoe: O talè, tinolo'o bogady volamena roe, ingo, tinompeko
roe ka. 23 Hoe i talè'ey ama'e: Toe mpitoroñe soa naho migahin-drehe, amy te ihe
nahambeñe i tsiampey le hampifehèko maro, miheova mb'am-pirebehan-talè'o atoa.
24 Pok'eo i nahazo i raikeiy, nanao ty hoe: O talè, apotako t'ie ondaty gañe, mitatake ty
tsy nitongisa'o vaho mampitoboroñe ty tsy nandraraha'o. 25 Aa kanao ihembañako,
nimb'eo le nahajako i bogady volamena'oy; intoy i azoy ho ama'o. 26 Aa le hoe ty
natoi' i talè'ey: Ty mpitoroñe tsivokatse naho tembo toy, ie nifohi'o te mitatake ty
tsy nitongisako naho manontoñe ty tsy nandrarahako, 27 aa vaho tsy ho najo'o amo
bankeo o dralakoo, le zaho nimpoly ho nahazo ty ahiko rekets' ana'e. 28 Aa le rambeso
ama'e i bogady volamenay, vaho atoloro amy nanovoñe bogady volamena limey. 29 I
manañey ty ho tolorañe; fe amy tsy manañey, ndra ty kede tinendre ho aze ro haloly
ama'e†. 30 Le avokovokò ami'ty fimoromoroñan' ankeokeoke ao i mpitoroñe votroy,
ho ama'e ty fangolololoihañe naho aly vazañe.

### *Ty Fizakañe o Kilakila'ndatio*

31 Ie totsake atoy amañ'enge'e i Ana' ondatiy rekets' o hene navahe'eo, le
hiambesatse amy fiambesam-bolonahe'ey‡. 32 Hatontoñe añatrefa'e eo ze kilakila'
ondaty, le havahe'e hambañe ami'ty fañavaha' ty mpiarake amo oseo o añondrio.
33 Hanoe'e an-kavana eo o añondrio naho an-kavia'e eo o oseo. 34 Le hoe ty ho tsarae' i
Mpanjakay amo ankavana'eo: Mihovà ry nitahien-dRaekoo, lovao i fifehean-dikerañe
nihalankañeñe ho anahareo boak' amy namboareñe ty voatse toiy pake henaneoy;
35 amy te nikerè raho le nanjotsoa' areo haneñe; naran-drano le nampinome' areo;
niambahiny le nampihovae' areo; 36 nibolositse le nampisikine'areo; nisiloke le
nitilihe'areo; ie tam-porozò ao le nimb' amako nahareo. 37 Le hoe ty hatoi' o vañoñeo:
O Talè, ombia ty nahatreava'ay Azo saliko te nahaanjañ' azo? ndra taliñiereñe te
nampikama'ay rano? 38 nibongy t'ie sinalo'ay? 39 natindry t'ie nitilihe'ay, tambalabey
te nomb' ama'o ao? 40 Hoe ty hatoi' i Mpanjakay am'iareo: Eka! to t'itaroñako te,

† 25:29 Lke 8:18 ‡ 25:31 Zek 13:7, Mar 14:27, Jao 16:32

ndra mbia' mbia nanoe' areo amo misotry retiañe, ndra amo kedekedeke retoañe,
le nanoe' areo amako.
41 Le hoe ka ty hanoe'e amo an-kavia'eo: Misitaha amako ty fokompatse, mb'
amy afo tsy modoy, mb'amy toetse kinotepe ho anahareo naho i mpañìnjey vaho
o anjeli'eoy. 42 amy te nikerè raho, fe tsy nifahana' areo, naran-drano fe tsy
nampinòme' areo, 43 niambahiny fe tsy nampizilihe' areo, nihalo fe tsy nampisikine'
areo, narare vaho tan-drohy ao fe tsy nitilihe' areo. 44 Le hoe ty hatoi' iareo: Ombia
ty nifankanjoa'ay ama'o, ry Talè, te nisaliko, taliñiereñe ndra mpañavelo, nibongy,
nisiloke ndra am-balabey ao le tsy tama'o nañimb'Azo zahay? 45 Inao ty hatoi'e:
Taroñeko ama' areo, ndra mbia' mbia tsy nanoe' areo ami'ty raike amo poie'e
retiañe, ndra amo kedekede retoañe le tsy nanoe' areo amako. 46 Aa le homb' am-
pihejeañe nainai'e ao iretoa; fe homb' an-kaveloñe nainai'e ao o vañoñeo.

# 26

*Mikilily aze*
*Mar 14.1,2; Lke 22.1, 2*

1 Ie nagado' Iesoà i hene tsara zay, le hoe re amo mpiama'eo: 2 Fohi' areo naho
modo ty roe andro le ho tondroke i Fihelañey vaho hasese am-pità' o Jiosio mb'
an-katae mb'eo i Ana' ondatiy. 3 Ie amy zao nifanontoñe an-kiririsan' anjomba' i
talèm-pisoroñey o mpisorom-beio, naho o Androanavi' ondatio, Kaiafa ty tahina' i
talè henane zay, 4 nikinia hitsepake Iesoà am-pamañahiañe vaho hañohofan-doza.
5 Fe hoe iareo: Tsy hanoeñe amy sabadidakey, hera hidabahorake ondatio.

*Hisolo-voiñe i Norizañey*
*Mar 14.3-9; Jao 12.2-8*

6 Ie e Kefare-hananià, añ'anjomba' i Simona angamae ao t'i Iesoà, 7 le nisitsitse mb'
ama'e ty rakemba ninday menake saro-bily am-pitavoña vaho nadoa'e añambone'e
eo t'ie nidegañe am-pandambañañe eo. 8 Fe nitorifiha' o ila'eo 9 fa inao mete
ho naletake ami'ty vili'e ambone i solikey naho nanolorañe o rarakeo. 10 Iesoà,
ie maharofoanañe ze he'e mioza aman' inoñ' inoñe, nanao ty hoe: Maneseke ty
rakemba tia hao nahareo? Ie nanao raha fanjàka naho nañasoa ahy! 11 Ama' areo
lomoñandro o rarakeo, fe tsy ho ama' areo nainai'e raho. 12 I fandeveñañe ahiy ty
nañiliña'e solike amo sandrikoo. 13 Eka! to t'itaroñako te, ndra aia aia ami'ty voatse
toy ty itaroñañe ty talili-soa toy,* le hitaliliañe i nanoe'ey ho fitiahiañe ahiy.

*Ty Fañina Famalihañe*
*Mar 14.10, 11; Lke 22.3-6*

14 Le nimb'amo mpisorom-beio mb'eo ty raike amy folo-ro' amby rey, i atao Jodasy
nte-Keriote, 15 le hoe re: Inoñe ty hanambeza' areo ahy te aseseko ama' areo t'i
Iesoà. Aa le nilahare' iareo ty drala volafoty telo-polo. 16 Nifototse amy zay, t'ie nipay
ty hanesehañe aze.

*Nañalankañe i Fihelañey*
*Mar 14.12-16; Lke 22.7-13*

17 Ie tañ'andro valoha' ty fañambenañe i Sabadidake Mofo-tsy-aman-Dalivaiy, le
niheo mb'amy Iesoà mb'eo o mpiama'eo nanao ty hoe: Aia ty hañalankaña'ay ho
azo ty hikamañe i Fihelañey? 18 le nanoa'e ty hoe: Akia, mb'an-drova ao mb'ami'ty
indaty hanolo-batañe, le anò ty hoe: Hoe t'i Talè: An-titotse ty fotoako, le ama'o ao
ty hañambenako i Fihelañey mindre amo mpiamakoo. 19 Aa le nanoe'o mpiama'eo,
vaho hinalanka' iereo i Fihelañey.

* **26:13** Abeja'e ty hoe: ty evanjely toy,

### *I Nifotetse azey*
### *Mar 14.17-21; Lke 22.14, 21-23; Jao 13.21, 22*

20 Naho hariva, nidegañe am-pandambañañe eo re mindre amy mpiama'e folo
ro'amby rey. 21 Ie nikama, le nanoa'e ty hoe: Taroñeko ama' areo te, hifotetse ahy
ty raike ama' areo. 22 Niriroke iereo, sindre nanao ty hoe ama'e: O Talè, zaho hao?
23 Le hoe ty natoi'e: I mindre mampijon-tañañ' amako am-ping'aoy ty handetak'
ahiko. 24 Hoe t'i IESOÀ tam' iereo: Toe hionjoñe mb' amy pinatetse ty ama'ey i Ana'
ondatiy, fe hekoheko ami'ty indaty te ie ty nifoterañe i Ana' ondatiy! Nisoa ho a'
indatiy te tsy naterake. 25 Hoe ty natoi' i Jodasy nandentak' azey: O Raby, zaho hao?
Hoe re: Saontsi'o zay.

### *ty Fandambaña' i TALÈ*
### *Mar 14.22-25; Lke 22.19,20; 1Ko 11.23-26*

26 Ie nikama, nandrambe mofo t'i IESOÀ, le nañandriañe, naho finola'e vaho
nazotso'e amo mpiama'eo ami'ty hoe: Intoy, ikamao, sandriko toy. 27 Rinambe'e
i fitoviy, nandrenge an-dRae'e, le nazotso'e am'iereo vaho nanao ty hoe: Ikamao,
inahareo iaby. 28 Lioko ami'ty fañina vao toy, ty hadoañe ho ami'ty maro ho
fañeferan-kakeo. 29 Taroñeko ama' areo te, tsy hinomako ka ty voka' i vahey ampara'
ty andro hinomako aze vao mindre ama'areo am-pifehean-dikerañ' ao. 30 Niavotse
iereo, nimb' am-bohi-Oliva mb'eo.

### *Mitety aze t'i Petera*
### *Mar 14.26-31; Lke 22.34, 39; Jao 13.37, 38*

31 Le hoe t'i IESOÀ tamo mpiama'eo: Hene hanahelo ty amako nahareo te anito-hale,
fa pinatetse te,
Ho lafaeko ty mpiarake
le hiparaitake o añondrio.†
32 Naho fa nitroatse amy havilasiy raho, le hiaolo anahareo mb'e Galilia añe.
33 Tinoi' i Petera ty hoe: Ndra t'ie sindre hioje ty ama'o, zaho tsy ho lendeñe. 34 Hoe
t'i IESOÀ: Eka! to t'itaroñako, Aolo' ty kekeo akoholahy‡ an-kaleñe itoy, le ihe ty hitety
ahy in-telo. 35 Hoe t'i Petera ama'e: Naho alahatse t'ie hindre havetrake ama'o, zaho
tsy hitety azo. Nanoe' o mpiama'e iabio ka zay.

### *Getsemane*
### *Mar 14.32-42; Lke 22.40-46*

36 Le nindre am'iereo mb'an-toetse atao Getsemane§ ao t'i IESOÀ vaho nanao ty hoe
amy mpiama'e rey: Miambesara etoa hey, fa homb'ey hoek' ey raho hihalaly.
37 Nendese'e t'i Petera naho i ana' i Zebedio roe rey, naho namototse ho monjetse
vaho embetse. 38 Le hoe re tam' iereo, Manahelo, te hikenkañe ty fiaiko. Ikalaño
naho mitraofa fijilovañe amako. 39 Nivike mora mb'eo re, niankotrake an-daharañe,
le nihalaly ty hoe: Ry Raeko, naho mete; apitsoho amako ty fitovy toy; fe tsy ty lahako,
fa o satri'oo.
40 Nimb'amy mpiama'e rey mb'eo re, le zoe'e nirotse, vaho nanao ty hoe amy
Petera: Hete! tsy nete niharo fijilo amako ora raike hao nahareo? 41 Mijilova naho
mihalalia, hera hifoake am-panjiziañ' ao; toe manatry ty troke, fe mavozo ty sandriñe.
42 Nimb'eo indraike re nihalaly ty hoe: Naho tsy mahaloly ty fitovy toy amako,
naho tsy nòmeko, le hanoeñe abey o satri'oo. 43 Tampetse zay, nibalike re le zoe'e
mirotse iereo fa nigibeñe o fihaino' iareoo. 44 Nenga'e indraike le nimb'eo nihalaly i
tsaray fañintelo'e; 45 vaho niheo mb'amo mpiama'eo, nanao ty hoe: Mirota henaneo,

† **26:31** Zek. 13:7 ‡ **26:34** Koike: toe tsy akoho fa koik' antsiva § **26:36** fipiritañe menake, tamboho-menake

mitofà; Inge fa antitotse i nifotoañañey te haseseke an-tañam-panan-kakeo i Ana'
ondatiy. 46 Mitroara, antao, heheke fa etoañ' i hifotetse ahiy.

### *Nifotetse, Tsinepake*
*Mar 14.43-52; Lke 22.47-53; Jao 18.1-11*

47 Ie mbe nisaontsy, le niloneake eo t'i Jodasy, mpiamy folo ro'amby rey, reketse
firimboñañe amam-pibara naho karavantsy, ie nahitri' o mpisorom-beio vaho o
roandria' ondatio. 48 F'ie nitolora' i nifotetse azey famantarañe, ty hoe: Ze orofako,
ie ty ho tsepahe' areo. 49 Niharinè'e amy zao t'i Iesoà, le nanoa'e ty hoe: Akore, Raby,
le norofa'e. 50 Hoe t'i Iesoà ama'e: Ino o nanoe'oo, Rañetse? Nomb'eo iereo, nañity
fitañe amy Iesoà, nitsepake aze.
51 Ingo, te nahiti' ty mpiamy Iesoà ty fità'e nanàrike ty fibara'e naho nibira ty
mpitoro' i talèm-pisoroñey, nampikitsike ty ravembia'e, 52 le hoe t'i Iesoà tama'e,
Ampiliro an-traño'e ao o meso'oo, fa ho rotsahem-pibara ty mitam-pibara. 53 He
atao'o te tsy mahatoka an-dRaeko henaneo naho havotra'e etoa ty Lejionan' Anjely
mandikoatse ty folo-ro'amby*? 54 Fe aia amy zay ty hahaheneke i Sokitse Masiñey?
amy te zao i nisafiriañey.
55 Añe zay le hoe t'i Iesoà tamy màroy: Niakatse hañoridañe malaso, minday fibara
naho karavantsy hitsepake ahy hao nahareo? Tsy nitoboke añ' anjomban' Añahare
ao handro an-kandro nañoke anahareo tsy amam-pañembetse hao raho. 56 F'ie toe
hene anoeñe, hañenefañe ty sinoki' o mpitokio. Le fonga nienga aze o mpiama'eo,
nibioñe.

### *Mpanao Kitomboke Roe*
*Mar 14.53-63; Lke 22.54,55 63-65; Jao 18.12,18*

57 Nasese' iareo mb'añ'anjomba' i Kaiafa talèm-pisoroñe mb'eo t'i Iesoà, le hene
nitontoñe ao o Androanavio naho o Fariseoo. 58 Nañorike aze trehantreha'e t'i Petera
pak' an-kiririsa' i talèm-pisoroñey, le nizilike ao vaho nitobòke marine o mpitoroñeo
hahaoniñe ze hizò. 59 Nipay mpanao dramotse o mpisorom-beio naho i fivory iabiy
hanisy Iesoà hañoho-doza ama'e, 60 f'ie tsy nahaoniñe, ndra te naneseañe mpanao
kitomboke maro hiatreatre Iesoà. Fara'e pok'eo ty mpitalily vìlañe roe 61 nanao ty
hoe: Vinola' i tìañe ty hoe: Maharotsake i Anjomban' Añaharey raho vaho hamboatse
aze indraike naho afake telo andro.
62 Niongake amy zao i talèm-pisoroñey, nanao ty hoe: Tsy mahatoiñe v'iheo,
amo iseseha' iereoo? 63 Fe nianjiñe avao t'i Iesoà. Le hoe i talèm-pisoroñey
ama'e: Ampifantàko aman' Añahare veloñe rehe ty hivolañe ama'ay naho ihe i
Norizañe, Anan' Añaharey. 64 Le hoe t'i Iesoà tama'e: Ie nisaontsie'o; fe itaroñako
te ho isa' areo i Ana' ondaty miambesatse am-pitàn-kavanan-kaozarañ' ey miheo
mb'etoañe amo rahon-dikerañeo. 65 Rinia' i talèm-pisoroñey o saro'eo le nanao ty
hoe: Niteratera an'Andriananañahare itia, ino ty ipaian-tika valolombeloñe ka? Songa
jinanji' areo i fiteratera'e an'Andriananañahare, 66 akore ty fisafiri' areo te hanoeñe?
Natoi' iereo ty hoe: Mañeva havetrake re. 67 Le nandrora' iereo ty lahara'e naho
finofo' iereo ty lambosi'e, vaho rinarateha' ty ila'e, 68 nanao ty hoe: Ry Norizañe,
mitokia; Ia ty nandafa Azo?

### *In-Telo Nitety*
*Mar 14.66-72; Lke 22.55-62; Jao 18.15—27*

69 Nijohañe am-pimoahan-kiririsa eo t'i Petera, le nimb'ama'e mb'eo ty mpitoro-
ampela nanao ty hoe: Toy nitraoke am' Iesoà nte-Galilia rehe! 70 Nandañitse
añatrefa' iereo iaby t'i Petera. ie nanao ty hoe: O rakembao, nofiko o enta'oo.

* **26:53** firimboñan-dahin-defoñe eneñ'arivo

71 Ie nizilik' amy lalambeiy mb'eo, le nahatrea aze ka ty mpitoro-ampela raike,
nanao ty hoe amo nijohajohañeo: Nindre amy IESOÀ nte Nazareta t'indaty tia-hòeke.
72 Nitety IESOÀ am-panta indraike t'i Petera, nanao ty hoe te namoea'e ondatiy.
73 Tsipaepae' zay, nisitse mb'eo o nijohajohañeo, nanao ty hoe amy Petera: Toe
mpiamy fiosoña' i Mpitokiy rehe, adodea' o fisaontsi'oo te mpiam'iareo. 74 Namototse
nitety naho nifatse re nanao te tsy nifànta'e ndra mbia indatiy. Inay amy zao i kekeon'
akoholahiy. 75 Nitiahi' i Petera i saontsi' IESOÀy, te aolo' i kekeoy ro hitety ahy in-telo.
Niakatse añe re nangoihoy an-kafairam-piaiñe.

# 27

*Nasese amy Pilato*
*Mar 15.1; Lke 22.66; 23.1; Jao 18.28*

1 Ie maraindray, le nikilie' o Androanavy bey naho roandriañe iabio t'i IESOÀ, t'ie
tsy mahay tsy havetrake. 2 Rinohi' iareo naho nitantalieñe mb' añ'anjomba' i Pilato
mpanandily mb'eo;

*Naneñeñe t'i Jodasy*
*Asa 1.18, 19*

3 Ie nirendre' i Jodasy nte-Keriotey, te nozoñeñe t'i IESOÀ, le naneñeñe*, vaho
nahere'e amy mpisorom-beiy naho amo roandria' ondatio i bogady telo-polo rey.
4 Hoe re: Nanao hakeo raho, fa nitomaly aman-dio-màliñe, fe hoe ty natoi' iereo:
Inoñe ama'ay v'izay? tafetero! 5 Aa le nahifi'e amy anjomba miavakey ao i bogady
rey, naho nienga, nangalake taly vaho nameo-batañe.
6 Rinambe' o mpisorom-beio i bogady rey, le hoe ty asa' iareo: Faly tsy mete apoke
amy anjomba miavake† ao iretoy, fa vilin-dio. 7 Le nisafiry vaho natolo' iereo ho
ami'ty tete' i mpanao valàñe-taney ho fandeveñañe ambahiny. 8 Zay ty nanoañ' i
tetekey ty hoe kibohon-dio ampara' henane; 9 nañeneke ty saontsi' i Zakaria mpitoky
nanao ty hoe:
Le hoe raho am'iereo:
Naho soa am-pivazohoa'areo,
ampitombò ty karamako,
fe naho tsy mete, ifoneño.
Aa le linanja' iereo ho amy karamakoy
ty drala volafoty telo polo.
Le hoe t'IEHOVÀ amako:
Ahifio mb'amy mpanao valàñe-taney zay;
mb' am' indaty mandramerame lietsey.
10 ty amy nandilia' IEHOVÀ.‡

*Nitsoke aze*
*Mar 15.2-5; Lke 23.2-5; Jao 18.29-38*

11 Nijohañe añatrefa' i Pilato eo t'i IESOÀ, le hoe re tama'e: Ihe hao ty Mpanjaka'o
Jiosio? Hoe t'i IESOÀ: Saontsi'o zay. 12 Aa ndra te nitomboke IESOÀ an-tseseke o
mpisorom-beio naho o roandriañeo, tsy nanoin-dre. 13 Hoe t'i Pilato tama'e: Tsy
oni'o hao ty hamaron-tsisý sesehe' iereo ama'o? 14 F'ie tsy nanoiñe aze ndra saontsy
raike, vata'e nahadaba i ragovay.

*Hinaha t'i Barabasy*
*Mar 15.6-14; Lke 23.17-23; Jao 18.39, 40*

* **27:3** Heb: namototse nisoloho † **27:6** Grika: fanontonan-drala ‡ **27:10** Zek 11:12-13; Iir 19:1-13;32:6-9

[15] Ie amy Sabadidake aman-kasiñe atao Fihelañ' Amboney, fanoe' i Mpandili' i
Rovaiy ty hañahàñe amy màroy ty raike amo mpirohio, ze tea' iereo. [16] Nanam-
pirohy seretseretse t'i Pilato, i Barabasy ty añara'e, rinohy ty ami'ty vono-ondaty,
vaho najo'e am-balabey ao. [17] Ie nifanontoñe iereo, le nanoa' i Pilato ty hoe: Ia ty
tea' areo ho hahàñe? i Barabasy, ke IESOÀ atao Norizañey? [18] tali'e, nifohi' i Pilato
te am-palaiñañe tsy aman-tali'e ty naneseha' iareo aze, tovo'e, [19] ie niambesatse am-
piambesam-pizakàñe eo, le nañitrike entañe ama'e ty vali'e nanao ty hoe: Mihalaly
ama'o: Ko mivolan-dra inoñ' inoñe hatreatre'o indaty vañoñey, amy te niore raha
maro raho ty ama'e ama' nofy aniankale. [20] Navori' o mpisorom-beio naho o Androa-
navio ondatio hijoboñe i Barabasy, vaho havetrake t'i IESOÀ. [21] Aa hoe ty ontane' i
Pilato: Ia amy roe rey ty tea' areo ho hahàko ama' areo? Hoe iereo: i Barabasy. [22] Hoe
t'i Pilato tam' iereo: Aa naho zay, hataoko akore t'IESOÀ atao Norizañe? Nirihoñe'
iereo iaby t'ie haradorado. [23] Hoe t'i Pilato am' iereo: Ino ty sata-raty nanoe'e? Le
tinazataza' iereo ty hoe: Aradoradò, Aradoradò, Aradoradò!
[24] Ie, nioni' i Pilato te tsy amam-dily handiera'e, naho tsy ama'e ty hampanintsiñe
iareo, aolo te hirehetse ty firehoreho ondatio, le nandrambe rano vaho nanasa fitàñe
añatrefa' i màroy, nanao ty hoe: votsotse ami'ty lio raho, mitaoa amy ze hanòe'areo.
[25] Tinoi' ondaty iabio ty hoe: Ho ama'ay naho amo ana'aio ty lio'e. [26] Le hinaha'e t'i
Barabasy;

### *Natao Sarerake*
### *Mar 15.15-17; Lke 23.24, 25; Jao 19.16*

vaho nasese'e am' iereo t'i IESOÀ ho fiaheñe naho silofeñe haradoradoa' iareo. [27] Le
nendese' o mpiningin-tsoavalam-pizakañeo an-drohy t'i IESOÀ vaho natonto' iareo
aolo' ty fañosoña' ondaty maro eo. [28] Nasaro ama'e ty lamba landy naho nikopohañe
tsarimbo landy antsetra.

### *Nikozozoteñe mb'e Golgota*
### *Mar 15.18-22; Lke 23.26-33; Jao 19.17*

[29] Nirarèñe halam-patike, le nasabaka' iareo añambone'e, le nasiam-bararata ty
am-pità'e havana ao, vaho nitongaleke ama'e nikobìke ty hoe: Fañanintsiñe ama'o
ry Mpanjaka' o Jiosio! [30] Nandrorà' iereo ty lahara'e, naho nandrambe bararata
le namiafiake ty añambone'e. [31] Ie nilosoran-kizake, le nafaha' iereo i saroñe
mireparepay naho naombe ama'e o siki'eo vaho nandily t'ie haradorado.

### *Naradorado amy Hatae Ajaley*
### *Mar 15.23-32; Lke 23.33-43; Jao 19.18-24*

[32] Ie niakatse i rovay, le nitendreke ty ondaty atao Simona nte-Kanana vaho
nampitarazoeñ' aze i hatae ajale'ey. [33] Aa ie nandoake an-toetse atao Golgota,
toe Vohe-Kalvary§ [34] le finantso' iereo divay nalaro afero, f'ie nitsopeke, naho
naharendreke, le tsy nimete ninoñe. [35] Pinè' iereo an-katae re le zinara an-tsapake o
saro'eo*,† [37] le napetake ambone' i añambone'ey ty nanesehañe aze, ami'ty hoe:
Intoy IESOÀ nte-Nazareta,
Mpanjaka' Israele.
[38] Le nampindrezam-piradorado ama'e : ty malaso roe‡, ty raike ankavana'e vaho
ty raike ankavia'e eo. [39] Nanìtse aze ze niary eo naho nañekotsèko-doha [40] nanao
ty hoe: Inao! Ihe ho nandrotsake i anjomban' Añaharey naho hamboatse aze ami'ty
telo andro, mirombaha! Naho Anan' Añahare rehe, mizotsoa amo hataeo. [41] Nikizak'
aze ka o mpisorom-beio naho o roandria' ondatio, ami'ty hoe: [42] Ie nandrombake ty

§ **27:33** Songa "haran-doha" Golgota, Kalvary. * **27:35** Sab 22:18 ; Jao 19:24 † **27:35** Tovo'e: 36 le niambesatse nañambeñe aze, ‡ **27:38** Ies 53:9

ila’e, fe tsy maharombake ty vata’e. Naho ie i Mpanjaka’ Israeley, apoho hizotso
amo hataeo hatokisa’ay. 43 Iatoa’e t’i Andrianañahare, adono ho hahan’ Añahare
henaneo naho tea’e§ amy nanoe’e ty hoe t’ie Anan’ Añahare. 44 Nanitse aze hoe zay
ka i malaso nitrao-peke ama’e rey.

### *Ty Havilasi’e*
*Mar 15.33-37; Lke 23.44-46; Jao 19.28-30*

45 Ie ami’ty ora fah’eneñe* fonga nimaieñe i Taney pak’ ami’ ty ora faha-sive†.
46 Le nipazake ty hoe t’i IESOÀ: Eli, Eli, lama sabaktany, ze adika ty hoe: O
Andrianañahareko, Andrianañahareko, ino ty namorintseña’o ahy?‡ 47 Hoe ty raike
nijohañe eo: Mitoka i Elia toke. 48 Aa le nilay mb’eo amy zao ty nangalake mofo
mangefokefoke, naho natsafe’e vinegra vaho natoho’e ama’e ho sitsihe’e. 49 Hoe ka
ty ila’e, Eo hey, hentean-tika ke ho avy handrombake aze t’i Elia. 50 Nipazake indraike
am-piarañanañañe mafe t’i IESOÀ, vaho nengae’e aman-dRae ty arofo’e.

### *Reke-Biloñe i Havilasiy*
*Mar 15.38-41; Lke 23.45, 47-49*

51 Le inao! nitori-anjake ho roe boak’ ambone mañambane i lamba fièfen’
Anjomban’ Añaharey. Niozoñozoñe ty tane, naho nifoy o vatoo; 52 Nisokake o kiborio;
vaho nitroatse ty fañova maro’ o noro’e nirotse an-debokeo; 53 ie niakatse an-kibory
naho nimb’ amy rova miavakey vaho niboake ami’ty maro. 54 Ie nioni’ ty mpifehe
zato naho o nitrao-pijohañe ama’e nisary IESOÀo i ozoñozon-taney naho o raha
nanoeñeo, le nañeveñe naho nanao ty hoe: Toe Anan’ Añahare o eio.
55 Nizorazora ey ty ty roakemba maro amo niatrake IESOÀ hirik’ e Galilia pake henane
zay. 56 Am’ iereo t’i Miriame nte-Magdalà, i Marie rene’ Iakobe naho i Josesy, vaho ty
rene’ i ana’ i Zebedia rey.

### *Nalenteke*
*Mar 15.42-47; Lke 23.50-55; Jao 19.38-42*

57 Ie ho niròñe i àndroy, pok’eo ty mpañarivo nte Arimatea, Iosefe ty tahina’e,
mpioke am’ IESOÀ, 58 nimb’ amy Pilato mb’eo nihalaly ty fañòva’ IESOÀ, le linili’ i
Pilato te hatolotse aze. 59 Nitakone’ Iosefe i fañòvay, le niholonkoñe’e an-damba-
lande marerarera matify, naho 60 nirohote’e an-donake vaho hinali’e an-damilamy
ao, le navarimariña’e mb’am-piziliha’ i lonakey ty vato jabajaba.§
62 Amy loak’ àndro i Fihelañ’ Amboney*, le nimb’amy Pilato mb’eo o mpisorom-
beio naho o Fariseoo. 63 Le hoe iereo tama’e: O Roandriañeo, tiahi’ay te ie mbe
niveloñe i mpandañitsey le nanoe’e ty hoe t’ie hivañon-ko veloñe naho afake telo
andro. 64 Aa le andilio te ho gariteñe pak’ami’ty andro faha telo i kiboriy, kera ho
pok’eo o mpiama’eo hañaoke aze, vaho hitalily am’ondatio t’ie nivañon-ko veloñe.
Ie anoe’ iereo, le ho lombolombo’ i valoha’ey ty famañahiañe fara’e. 65 Hoe t’i Pilato
am’iereo: Ipaiao mpigaritse, le ambeno amy ze lefe’ areo. 66 Aa le nifonire’ iereo ty
fañarovañe i lonakey, namoli-tomboke aze vaho nampijadoñe mpañambeñe.

## 28

### *Lona-Koake*
*Mar 16,1-8; Lke 24.1-11*

1 Ie añe i SABOTSEY naho nangoangoañe i loak’andro’ey, le nomb’ an-donake mb’eo
hioniñe aze t’i Miriame nte-Magdalà naho i Marie raikey. 2 Nanginikinike amy

§ **27:43** Sab 22:8 * **27:45** nitsipindemena † **27:45** folakandro do’e ‡ **27:46** Sab 22:1 § **27:60** Gr. ila’e: 61Teo ty Miriame nte-Magdalà, naho i Miriame ila’ey, niambesatse tandrife’ i kiboriy. * **27:62** Ty andro valoha’i Mofo-Tsi-aman-Dalivay

zao ty tane amy te nivotrake an-donake eo boak' andindìñe ao ty anjeli' IEHOVÀ
namarimbariñe i vatoy vaho nijohañe eo. 3 Hoe helatse ty vinta'e, naho foty hoe
volovaso o saro'eo. 4 Nampihondrahondrae'e añ'anifañe o mpigaritseo, le nijohañe
ey hoe lolo.
5 Hoe i anjeliy tamy roakemba rey, Ko hembañe, apotako te mipay IESOÀ
naradoradoy nahareo. 6 Tsy atoan-dre, fa veloñe ty amy tsara'ey. Mb'etoa arè
hañisake i nandrea'ey, 7 le akia aniany, misaontsia amo mpiama'eo t'ie nitroatse
amy havilasiy, vaho hiaoloa'e mb'e Galilia mb'eo, vaho ho vazoho' areo añe ty
amy nitsara'ey. 8 Niakatse i lonakey am-pirevendreveñañe ty amy anjely niisakey
i rakemba rey, f'ie nivaranehake ty amy Talè nivañom-beloñey, le nilay hitalily amo
mpiama'eo.

### *Niboake amo Roakembao*

9 Tojo t'ie nañavelo le nifanampe am' iereo t'i IESOÀ nañontane ty hoe: Ho haha' i
Tahinañey abey. Niharinea' iareo, le nibokobokoke te niambane ama'e. 10 Le hoe t'i
IESOÀ tam' iereo: Ko hembañe; talilio o roahalahikoo ty hienga mb'e Galilia mb'eo,
vaho añe t'ie hahaisak' ahy.

### *Nomeam-bokàñe o Mpigaritseo*

11 Ie nañavelo, nimoake an-drova ao ty mpigaritse ila'e nitalily amo mpisorom-
beio i hene nizò rezay. 12 Nifanontoñe hisafiry amo androanavi' ondatio iereo, naho
anolorañe drala maro o lahindefoñeo 13 ie nanoañe ty hoe: Mitalilia ty hoe: Niavy
haleñe o mpiama'eo nampikamets' aze, zahay niroro. 14 Aa hera t'ie hipok' an-
dravembia' i Pilato, le ho rekete'ay, tsy hañembetse anahareo. 15 Rinambe' iereo
i volay vaho nanao i namantohañe iareoy, ie i entañe mikafitse amo Tehodao pake
henaney.

### *Ty Fantoke Rae'elahy*

16 Añe zay, ie fa avy e Galilia añe i mpiama'e folo raik' amby rey, le nisodehañe
am' iereo amy vohitse nihalalie' iareoy. 17 Ie nahaisak' aze le niambane ama'e, f'ie
teo ty nifejofejo. 18 Niharinea' IESOÀ le nanoa'e ty hoe: Fa hene natolotse ahy ze lily
andindìñe ao naho an-tane atoy. *I nañirahan-dRae ahiy ty añirahako anahareo.
19 Akia, † anò mpañoke ze kilakila ondaty, ‡ 20 le anaro iareo ty hañeneke nainai'e
ze fonga raha nandiliako anahareo, §vaho mahaoniña, te ama'areo nainai'e raho
ampara' ty figadoña' ty sa. Amena*

* **28:18** Tovo' ty Pesità an-dreha-Aramaika † **28:19** Tampetse eo ty Matio Hebreo, ‡ **28:19** Tovo tafara' ty taoñe 325 CE : Andiporo aman-tahinan-dRae naho i Anakey vaho amy Arofo'e Masiñey ondatio, § **28:20** Tinovo' ty Pesità ty pak' am-para'e * **28:20** Amena: 'Ie zay' ndra 'to i tsinaray'

# Marka

*Fiaolo*
*Mat 3.1-11; Lke 3.1-16; Jao 1.19-20*

1 Ty namotorañe ty talili-soa' Iesoà Norizañey, Anak' Andriananañahare.
2 Pinatetse am' Isaia Mpitoky ao ty hoe:
Ingo mañitrike ty irako mb'añ'aolon-dahara'o mb'eo,
ie ty hañajary ty lalañe añatrefa'o eo;*
3 Ty fiarañanaña' i mikoikey:
Hajario am-patrambey añe ty fombà' Iehovà,
Avantaño o lala'eo.†
4 Zay ty niboaha' i Jaona Mpandipotse am-babangoañe añe nitsey ty filiporam-
pisolohoañe ho ami'ty fañafahan-kakeo. 5 Le niakatse mb' ama'e mb'eo ty an-tane'
Iehodà iaby naho o nte-Ierosalemeo; vaho nilipotse añama'e an-tsaka Iordane ao,
songa nibaboke amo hakeo'eo.
6 Nisafotse volon-drameva t'i Jaona, naho nidiañe kitamben-kolitse an-toha'e,
naho nikama bekapàke naho ron-tsý, 7 vaho nitaroñe ty hoe: Manonjohy ahy ty
fatratse te amako; tsy mañeva ahy ty hibotreke ambane hampidraitse i talin-kana'ey.
8 Toe mandipotse anahareo an-drano raho, fa ie ty handipotse anahareo amy Arofo
Masiñey.

*Filipora'e*
*Mat 3.13-17, Lke 3.21-22*

9 Ie amy andro rezay, nihirike Nazareta e Galilia añe t'Iesoà, vaho nampilipore'
i Jaona am' Iordaney. 10 Ie vaho nitroatse amy ranoy, le nivazoho'e te nikodriatse
i likerañey, naho nizotso hoe deho ama'e i Arofoy 11 vaho niboak'andindìñe ao ty
fiarañanañañe nanao ty hoe: Anako kokoako rehe, toe ampokòako.

*I Mpanjiziy*
*Mat 4.1-11; Lke 4.1-13*

12 Tineha' i Arofoy amy zao re mb' an-jerezere tane añe, 13 le tan-tane bangiñe añe
efa-polo andro re, nizizie' i mpañìnjey‡ naho nindre amo bibi-lìo, vaho nitoroña' o
Anjelio.

*Niorotse Nitoroñe*
*Mat 4:12-17; Lke 4.14-15; 5.1-11; Jao 1.35;42*

14 Ie najòñ' an-drohy ao t'i Jaona; le nimb'e Galilia mb'eo t'Iesoà nitaroñe i talili-
soan' Añaharey; 15 ami'ty hoe: Fa heneke ty sa; mitotoke i Fifehean' Añaharey;
misolohoa naho atokiso i talili-soay.

*Nikanjy Mpiama'e*
*Mat 4.18-22, Lke 5.1-11*

16 Ie nidraidraitse añ'olon-dria' i Galilia, le nahavazoho i Simona naho i Andrea
rahalahi' i Simona nañifike harato an-driake ao fa mpañarato. 17 Le hoe t'Iesoà tam'
iereo: Mañoriha ahy, vaho hanoeko mpañarato ondaty. 18 Nado' iereo amy zao o
harato' iareoo vaho nañorik' aze. 19 Ie nisitsitse mb'eo, le nivazoho'e t'Iakobe Ana'
i Zebedio naho i Jaona rahalahi'e, an-dakañe ao nanosoke harato. 20 Kinanji'e amy
zao; le nenga' iereo an-dakañe ao t'i Zebedio rae' iareo naho o mpikaramao, vaho
nanonjohy aze.

* **1:2** Mal 3:1 † **1:3** Isa 40:3 ‡ **1:13** mpañinje: satana ndra devoly

*Nandroake Angadraty*
*Lke 4.31-37*
21 Nigodañe mb'e Kapernaome iereo le nizilike am-pitontonañ' ao te Sabotse vaho
nañòke. 22 Nahajagòñe iareo i fañoha'ey, foto'e nanare'e manahake t'ie aman-dily,
fa tsy manahake o mpanoki-dilio.
23 Tam-pitontona' iareo ao t'indaty amam-pañahi-maleotse, nikoikoike 24 ty hoe:
Inoñe ty itraofan-tika, ry Iesoà nte-Nazareta? hanjaman' anay v'o talin-dia'oo?
Apotako rehe, t'i Masin' Añahare. 25 Nitrevoke aze t'Iesoà ami'ty hoe: Mamantsy,
iakaro! 26 Nagibigibi' i kokolampay re naho nikontsiañe am-peo, vaho niakatse ama'e.
27 Akore ty halatsà' ie iaby kanao nifañontàne ty hoe: Raha akore v'itoio? Toe
fañòhañe vao naho aman-dily! Ie ami'ty halàko lilitse ro mandily o anga-dratio, le
ivohora' iareo. 28 Aa le niboele nanitsike i tane mañohoke i Galiliay ty enge'e.

*Nañaha Maro*
*Mat 8.14-17; Lke 4.38-41*
29 Niakatse i fitontonañey iereo, le nizilike añ'an-jomba' i Simona naho i Andrea
ao rekets' Iakobe naho i Jaona. 30 Natindri' ty hamae sandriñe ty rafoza' i Simona
ampela le nisaontsiañe amy zao ty ama'e. 31 Nimb'eo re nandrambe ty fità'e naho
nongaha'e naho nisitake ama'e i firemporempo'ey, vaho nitoroñe iareo.
32 Ie hariva, naho fa nimotake i àndroy, le nendeseñe mb'ama'e o marare iabio
vaho o nangaran-kokolampao, 33 naho nivorigidiñe an-dalambey eo i rova iabiy,
34 naho nahajangañe ty maro nisilofe' ty areteñe ankafankafa re naho nañary
kokolampa maro vaho tsy nenga'e hibeoke o anga-dratio; foto'e napota' iereo.
35 Ie maraindrain-tsikiake naho mbe nangararak' atiñana, le nitroatse, nienga
mb'an-toetse bangiñe añe nitalaho. 36 Tsinoe' i Simona naho o mpiama'eo; 37 Naho
nitendreke, le hoe iereo ama'e: Hene mipay Azo. 38 Hoe re tam' iereo: Antao hiveve
mb' an-tane ila'e, mb'amo tanàñe mañohokeo, hitaroñe añe ka; amy te zay ty talin-
diako. 39 Aa le nitsitsife'e ty Galilia nitaroñe am-pitontona' iareo ao, vaho nañary
kokolampa.

*Ty Angamae*
*Mat 8.2-4; Lke 5.12-16*
40 Niheo mb'ama'e mb'eo ty angamae, nitongaleke le nitoreova'e ty hoe: Naho
satri'o, mahalio ahy. 41 Nitretreza' Iesoà, le nañitia'e fitàñe, nitsapa aze vaho nanao
ty hoe: Satriko, maliova. 42 Nisitake aze amy zao i haangamàe'ey vaho nalio.
43 Hinatahata'e, naho nampombà'e mb'eo, 44 le nanoa'e ty hoe: Asoao tsy hitalily
ama'ia ia; akia, miboaha amy mpisoroñey, le engao i fiefera'oy ty amy linili' i Mosèy,
ho fitaliliañe iareo. 45 F'ie niavotse, le namototse nitsey am-pidadàñe naho naboele'e
mbeo' mbeo i entañey, naho tsy nimete nizilike am-palangesañe an-tanañe ao ka
t'Iesoà; f'ie nitoetse am-bangiñe ao vaho niropake ama'e tok'aia tok'aia i màroy.

# 2

*Nañafake ty Kepeke*
*Mat 9.1-8; Lke 5.18-26*
1 Ie herone bey, nimpoly mb'e Kapernaomy mb'eo, le nijanjiñeñe t'ie añ'anjomba'e
ao, 2 aa akore ty firopaha' i màroy kanao ninìtse tsy am-pitsifirañe ndra an-dalañe
eo, ie nitaroñe i tsaray.
3 Niheo mb'ama'e mb'eo ty ninday ty kepeke, nitarazoe' ty efatse. 4 Ie tsy nahafi-
totoke ama'e fa nialindretse, le nahimpa' iereo ty tafo ambone' aze; pinoñapoña'
iereo, le nazè' iereo ao ty tihy nandrea' i kepekey. 5 Nioni' Iesoà ty fatokisa' iareo, le
nanoe'e ty hoe i kepekey: O anake, fa hinaha o tahi'oo.

6 Niambesatse eo ty mpanoki-dily ila'e nitsakore añ'arofo ty hoe: 7 Akore ty reha'
ondatio? Ie miteratera! ia ty mahalio tahiñe naho tsy Raike, i Andrianañahare?

8 Napota' IESOÀ añ'arofo'e amy zao ty fivetsevetse' iareo, le hoe re am' iereo: Akore
te aereñere' areo an-troke ao o raha zao? 9 Ty aia ty mora volañeñe amy kepekey:
ke ty hoe: Hinaha o hakeo'oo, he ty hoe: Mitroara, rambeso o tihi'oo le mañaveloa?
10 Aa soa te ho fohi' areo te aman-dily an-tane atoy i Ana' ondatiy hañalio tahiñe,—Le
hoe re amy kepekey: 11 O toke: Mitroara, rambeso o tihi'oo le akia mb'añ'akiba'o añe.
12 Niongake amy zao re, nandrambe i tihi'ey, vaho nienga añatrefa' iereo iaby; le hene
nilatsa naho nandrenge an' Andriananañahare ami'ty hoe: Mbe lia'ay tsy nahatrea ty
manahake itoa-hoe.

### *Tsinikao'e t'i Matio*
*Mat 9.9-13 Lke 5.27-32*

13 Nienga mb'añ'olon-driake mb'eo indraike re; le hene niropak' ama'e i valobo-
hokey, vaho nanare'e.

14 Ie nimb'eo, nivazoho'e t'i Levy, ana' i Alfeo, niambesatse am-panontonan-kaba
ao, le hoe re ama'e: Oriho raho. Le niongake re nañorike aze.

15 Ie nidegañe añ'anjomba'e ao, le nimaro ty mpanontoñe vili-loha naho bei-hakeo
nitrao-pikama amy IESOÀ naho amo mpiama'eo, amy te maro am' irezay ty nañorike
aze. 16 Aa naho nioni' o mpanoki-dilio naho o Fariseoo t'ie nitrao-pikama amo
mpanan-tahiñeo naho amo mpamory vili-lohao, le nanao ty hoe amo mpiama'eo:
Inoñe ty iharoa'e fikama naho finoñe amo mpamory vili-lohao naho amo bey hakeoo?
17 Naho jinanji' IESOÀ zay, le hoe re am'iereo: Tsy o jangañeo ro mipay mpanaha fa
o marareo. Tsy pok'eo raho hikanjy ty vañoñe hisoloho, fa o aman-kakeoo.

### *Lilitse*
*Mat 9.14-17; Lke 5.33-39*

18 Mpililitse o mpiana' i Jaonao naho o Fariseoo, le nimb'eo iereo nanao ty hoe
ama'e: Aa vaho akore te mililitse o mpiana' i Jaonao naho o mpiamo Fariseoo, fe tsy
mililitse o mpiama'oo? 19 Le hoe t'IESOÀ tam'iereo: Mete mililitse hao o rañem-
pañengao ie mbe am' iereo i mpañengay? Kanao am' iereo i mpañengay, tsy
mililitse iereo. 20 Toe ho tondroke ty andro hanintahañe i mpañengay am'iereo;
hililitse amy andro zay iereo. 21 Tsy eo ty manakeke lamba tsy nahanañe ami'ty saron-
kambo'e tsy mone hisitake amy saroñey i takekey, vaho hiindra i nikodreatsey. 22 Le
tsy añiliñan-divay vao ty zonjòn-kolitse hambo'e, tsy mone hampitòsitse ty divay
amy holitse hambo'ey, vaho hianto i zonjòñey. Fa ailiñe an-jonjòñe vao ao ty divay
vao.

### *Mitoloñe ami'ty Sabotse*
*Mat 12.1-8; Lke 6.1-5*

23 Teo te indraike, niranga teteke re ami'ty SABOTSE naho nanifo ampemba amy lia'
iareoy o mpiama'eo. 24 Le hoe o Fariseoo tama'e: Henhe: akore t'ie manao raha faly
ami'ty SABATA? 25 Aa hoe ty natoi'e: Mbe tsy vinaki' areo hao ty nanoe' i Davide, ie
nidobo naho nisaliko, ie naho o mpiama'eo: 26 nimoak' añ' Anjomban' Añahare ao
faha' i Abiatara Mpisorom-bey le nikama ty mofo miatreke*—ze faly tsy kamaeñe
naho tsy o mpisoroñeo avao, vaho nandiva amo mpiama'eo? 27 Hoe re tam' iereo:
Ondatio ty nanoañe i SABATAY, fa tsy i SABATAY ondatio; 28 Aa le Talè' o SABATAO ka i
Ana' ondatiy†.

---

* **2:26** mofo 12 an-drairay aolo' i toe-miavakey † **2:28** Fot 2:2-3

# 3

*Mañaha te Sabotse*
*Mat 12.9-14; Lke 6-11*

1 Nizilike am-pitontonañ'ao indraike re le nanjo ty lahilahy kenge-fitàñe. 2 Hinare'
iereo ke hañafake ami'ty Sabata, hanisìa' iareo. 3 Aa le hoe re amy lahilahy kenge-
fitañey: Miongaha mb'etoa. 4 Le hoe re tam' iereo: Ty aia ty Hake, ty manao raty, he
ty manao soa naho Sabotse*; ty mamono, ke ty mañaha fiaiñe? F'ie tsy nahabeoke.
5 Jinilojilo'e an-keloke, le nanahelo ami'ty hagàn-tro' iareo, vaho nanao ty hoe am'
indatiy: Ahitio ty fità'o. Le nahiti'e, vaho niareñe ho janga manahake ty ila'e i fità'ey.
6 Niavotse o Fariseoo naho niharo fikaoñe amy zao amo mpiamy Herodao nikilily ty
hañè-doza ama'e.

*Nañorike aze i Lahialeñey*
*Mat 12.15-16; Lke 6.17-19*

7 Nisitake mb'an-driake ey t'Iesoà rekets' o mpiama'eo; le nañorike aze ty lahialeñe
hirike e Galilia naho boak' Iehodà añe, 8 naho hirike Ierosaleme; naho hirik'
Edoma naho alafe' Iordaney vaho amparipari' i Tirò naho i Sidona añe—ondaty
mitozantozañe, hene nahajanjiñe o hene fitoloña'eo naho nimb' ama'e mb'eo.
9 Le sinaontsi'e amo mpiama'eo ty hañajary lakañe ho aze ty amy valobohòkey
tsy mone hifanamboentamboeñe. 10 Akore ty hamaro ty nafaha'e kanao nifanindry
ama'e hitsap' aze ze nisilofe' ty areteñe. 11 Ndra mb'ia mb'ia nahatrea aze o anga-
maleotseo le niankotrake aolo'e eo nikoràke ty hoe: Ihe i Anan' Añaharey, 12 fa
hinatahata'e tsy hampahafohiñe aze.

*Nijoboñe i Folo Roe Amby Rey*
*Mat 10.1-4; Lke 6.12-16*

13 Niañambone vohitse mb'eo re le tsinikao'e ze satri'e vaho niheova' iereo.
14 Tinendre'e ty folo ro'amby ho mpiama'e, hahitri'e hitaroñe, 15 naho ho aman-dily
hañary kokolampa: 16 Le natovo'e amy Simona ty tahinañe ty hoe: Petera; 17 naho
am'Iakobe ana' i Zebedio naho i Jaona rahalahi' Iakobe; ty nanovoña'e añaran-
tsole ty hoe Boanerjesy, toe Anañ' àmpiñe; 18 naho i Andrea naho i Filipo naho i
Bartolomeo naho i Matio naho i Tomasy naho Iakobe ana' i Alfeo naho i Tadeo naho
i Simona mahimbañe, 19 vaho i Jodasy nte-Keriote nifotetse azey.

*ty Bei'o Kokolampao*
*Mat 12.22-32; Lke 11.14-23*

20 Nizilike añ'anjomba ao re naho nivorigidiñe indraike i lahialeñey, kanao tsy
nilefe ty hikama. 21 Ie nahajanjiñe zay o longo'eo, le niheo mb'eo hamihim-pitañe
aze, ami'ty asa' iareo ty hoe: Tondren-dre.
22 Nizotso boake Ierosaleme añe o mpanoki-dilio, nanao ty hoe: Angara' ty
belzeboba re, vaho i bein-kokolampay ty añaria'e kokolampa. 23 Tsinikao'e hitotok'
aze iereo vaho nirazaña'e ty hoe: Aia ty hañaria' i mpañìnjey i mpañìnjey? 24 Naho
mifampiria ty fifeheañe, tsy hijadoñe i fifeheañey. 25 Ie mifamotetse ty anjomba,
tsy hahafitroatse i anjombay. 26 Ie miongake hiatreatre vatañe ty mpañìnje naho
mifañambake, le tsy hitoetse, fa higadoñe. 27 Tsy eo ty hahazilike añ' anjombam-
panalolahy ao hañaoke o vara'eo, naho tsy vahora'e hey i fanalolahiy, zay vaho ho
volose'e i anjomba'ey.

*Mat 12.31-33; Lke 12.10; 1 Jao 5.16*

28 Eka! to t'itaroñako te hahañe amo ana' ondatio ze atao hakeo naho ze hateràñe
iterà' iareo, 29 fe tsy ho hahañe ka ze mitera i Arofo Masiñey, fa ho amam-patse
kitro-katroke; 30 ami'ty fivola' iareo t'ie aman' anga-draty.

* **3:4** Its 5:15

*Ty Filongoan-To*
*Mat 12.46-50; Lke 8.19-21*
31 Nipoteake eo o rahalahi’eo naho i rene’e, nijohañe alafe ao, le nañitrike ama’e
vaho nitok’ aze. 32 Niambesatse añariseho aze i maroy; le hoe ty nitsaraeñe ama’e:
Inao, alafe ao ty rene’o naho o rahalahi’oo; ie mipay azo. 33 Hoe ty natoi’e am’ iareo:
Ia ty reneko naho o rahalahikoo? 34 Narendre’e amy zao o niambesatse niarikoboñ’
azeo, le nanao ty hoe: Hehe ty reneko naho o rahalahikoo! 35 Ndra ia ia manao ty
satrin’ Añahare, ie ty rahalahiko naho rahavaveko vaho reneko.

# 4

*ty Fandrarahan-Tabiry*
*Mat 13.1-23; Lke 8.4-8*
1 Ie niorotse nañoke añ’olon-driake eo indraike le akore ty hamaron-dahialeñe
nihipoke ama’ey kanao nijon-dakañe le niambesatse an-driake ey, vaho tañ’ olotse,
an-tamboho ey i màroy.
2 Le nitaroña’e raha maro am-pandrazàñañe, vaho hoe re te nañoke: 3 Inao: Teo te
niavotse mb’eo ty mpandrara-tabiry handrarake. 4 Ie nandrarake, le nipoke añ’ olon-
dalañe eo ty ila’e vaho nimb’eo o voroñeo nitsimok’ aze. 5 Ty ila’e nipoke ami’ty
lamilamy marivo tane, le nitiry aniany, amy te tsy nilaleke i taney, 6 ie nanjirike i
àndroy, le nimae, vaho niforejeje amy te tsy niam-bahatse. 7 Nipoke am-patike ao ka
ty ila’e, le nitiram-patike nampidageañe aze vaho tsy namoa. 8 Ty ila’e nipoke an-tane
hoba, le nitiry naho nandrevake vaho namokatse, teo ty telo-polo, teo ty enem-polo,
vaho teo ty zato. 9 Le hoe re: Ze aman-dravembia mahajanjiñe, Mijanjiña.
*Mat 13.10-17; Lke 8.9-10*
10 Ie nitolake, le nañontanea’ o mpiama’eo naho i folo ro’amby rey i nirazañe’ey,
11 vaho nanoa’e ty hoe: Inahareo ro nitolorañe ty tafatoño’ i Fifehean’ Añaharey, le
hene razañeñe o alafe’eo 12 soa te:
ie miisake, ro hañisake
fe tsy hahaoniñe;
ie mitsendreñe, ro hijanjiñe, fe tsy haharendreke;
ke hitolike, vaho ho hahàñe o tahi’iareoo.*
*Mat 13.18-23; Lke 8.11-15*
13 Le hoe re tam’ iereo: Tsy nirendre’ areo hao i ohatse zay? aa le akore ty
haharendreha’ areo o fandrazañañe iabio? 14 Mandrarake o tsarao i mpandrarakey.
15 O añ’olon-dalañeo, amy nandrarahañe i tsaraiy, ie mijanjiñe, pok’eo aniany i
mpañìnjey manoitse i tsara nararake am’ iareoy. 16 Manahake zay o nararake
am-batovatoeñeo, ie mahatsendreñe i tsaray le mandrambe aze an-kaehake amy
zao; 17 f’ie tsy amam-bahatse, le aniany avao te mitojeha ty hasilofañe ndra ty
fampisoañañe ty amy tsaray le torifike iareo. 18 I nararake am-patike ao rezay,
le o mijanjiñe i tsaraio, 19 fe mitsamoake ao ty fihakahaka’ ty tane toy, naho ty
hakalitaha’ o varao, naho ty hatea-raha ila’e, ze mahadageañe i tsaray tsy hamokatse.
20 O retoañe nararake an-tane soao, le mijanjiñe i tsaray naho mandrambe aze vaho
mamokatse: eo ty telo-polo, eo ty enem-polo, vaho eo ty zato.

*ty Jiro Kapoake*
*Mat 5.15; Lke 8.16-18*
21 Le hoe re tam’ iereo: Endeseñe ho rongonan-karoñe hao ty jiro? ke hazilike
ambane fandreañe ao? tsy hàmake t’ie apoke am-panampezan-jiro ey hao? 22 Toe

* **4:12** Isa 6:9,10

tsy ao ty naetake ze tsy ho bentareñe, vaho tsy ao ty nitsikoeñe ze tsy ho boraheñe.
23 Ze aman-dravembia hijanjiñe, Mijanjiña.
24 Le hoe re tam' iereo: Ereñereo o janjiñe' areoo; fa ami'ty fañarànañe añaràna'
areo ro añaràna ñe ama' areo vaho ho tompeañe ama'areo mijanjiñe. 25 Ho tovoñeñe
ze manañe, fa ami'ty tsy manañe ndra ty kedekedek' ama'e ro sintoneñe.

*Mandrazañe amo Tabirio*

26 Le hoe re: Razañeñe amy t'indaty mandrarake tabiry an-tane eo i Fifehean'
Añaharey, 27 mirotse re te haleñe naho mitroatse boak' andro; mitiry naho mitombo
i tabiriy, fe tsy apota'e te manao akore. 28 Mampitiry ho aze i taney: i losoy aolo,
le i toka-tsofi'ey, vaho zay o voa'e matoe an-doha'eo. 29 Ie rifo le ahitri'e i mesoy fa
tondroke ty fitatahañe.

*O Voa Nonokeo*
*Mat. 13.31-32; Lke 13.18-19*

30 Hoe ka re: Inoñe ty handrazañan-tika i Fifehean' Añaharey? Ohatse manao
akore ty ampidodean-tika aze? 31 Ampanahafeñe ami'ty voa-nonoke, ie amboleañ'
an-tane ro kede amy ze tabiry an-tane atoy; 32 f'ie tongisañe, le mitiry naho
midorenake mandikoatse ze hatae an-tetek'ao vaho ampandrevahe'e tsampañe[†]
hanoa' o voron-dikerañeo traño añ'alo'e ao.
33 Maro ty fandrazañañe nitsarae'e hoe zay ty amy nahafijanjiña' iareo. 34 Le tsy
nitaroña'e naho tsy am-pandrazañañe avao; ie nitolake vaho nampalange ze he'e
amo mpiama'eo.

*i Riake Nivalitaboakey*
*Mat 8.23-27; Lke 8.22-25*

35 Ie niroñe ho hariva i àndroy, le hoe re am'iereo: Antao hitsake mb'andafe eñe.
36 Nienga i lahialeñey iereo naho nendesen-dre, ie tan-dakañe ao avao. Nindre lia
ama'e ka ty lakañe ila'e.
37 Nikofaok' amy zao ty tio-bey, le trinabotrabo' o onjao i lakañey, ie nañaly ho
pea. 38 Tam-boli' i lakañey re nirotse añ-akalañe, le nampivañoneñe ami'ty hoe: O
Talè, tsy ahoa'o hao t'ie òpo? 39 Nitroatse re nitrevoke i tiokey naho nanao ty hoe
amy riakey, Manintsiña, mipendreña. Le nijihetse i tiokey vaho nipendreñe ami'ty
do'e. 40 Le hoe re tam' iereo: Ino ty ihembaña' areo? Mboe tsy am-patokisañe hao?
41 F'ie nianifañe, nifanao ty hoe: Ondaty manao akore v'itoio, te ivohora' i tiokey
naho i riakey!

# 5

*i Nitokoen-drahay*
*Mat 8.28-34; Lke 8.26-39*

1 Ie nitoly alafe' i riakey an-tanen-te Gadarene ao 2 vaho niakatse i lakañey, le
nifanojo ami' t'indaty boak' an-kibory ao niazo' ty anga-maleotse, 3 ie mpañialo
añivon-kibory ao vaho tsy teo ty naharohy aze ndra am-biñe, 4 beteke narohy
an-dabaro naho an-tsilisily fe pinotopoto'e o silisilio naho pinozapoza'e i labaroy
vaho tsy teo ty nahafamere aze. 5 Tan-kaboañe ey re naho an-kibory ao handro
am-pohatse nikontsiañe naho nandritarita sandriñe am-bato. 6 Ie tinalake'e eñe
t'IESOÀ, le nibiririña'e naho nitogalefa'e, 7 nipoña-peo ami'ty hoe: Ino ty itraofan-
tika, ry IESOÀ, Anan' Añahare Andindimoneñeo? Ampifantàko aman' Añahare t'ie
tsy hampisoañe ahy, 8 ie nanoa'e ty hoe: Miakara am'ondatio ty anga-maleotse tia.

[†] **4:32** Eze 17:22

9 Hoe ty nañontanea'e; Ia ty añara'o? Tozantoza* ty añarako, hoe re, foto'e maro
zahay. 10 Nitolom-pitoreo ama'e re t'ie tsy handroak' aze hiakatse i taney.
11 Tey hoeke ey ty lia-rain-dambo jabajaba nandrazeñe amy vohitsey, 12 le hoe ty
fikoikoia' iareo: Ampihitrifo mb' amo lamboo zahay hitsamoaha'ay. 13 Le napo' IESOÀ
naho nivorake vaho nitsoròpoke amo lamboo i anga-draty rey; naho nivarimbariñe
amo tazoa beio mb'an-driake ao i mpirai-trokey; va'e ro' arivo ty niopo an-driake
ao. 14 Nitsondemboke ty lay o mpiara-damboo, nitalily an-drova naho an-teteke
añe, le nimb'eo iereo handrendreke. 15 Nivotrake amy IESOÀ iereo nisamba i
niazo' o kokolampaoy, t'ie nitoboke soa, toe nisaroñe naho niareñe i nangara' i
tozantozañey, vaho nirevendreveñe. 16 Natalili' o nahaisakeo am'iereo ty nanjò i
niazon-kokolampay, naho ty amy lambo rey, 17 vaho nitoreo amy IESOÀ iereo t'ie
hienga i tane' iareoy. 18 Aa ie nijon-dakañe, le nihalalia' i nangara' i kokolampaiy
ty hireketa'e. 19 Fe tsy nimetea'e, hoe re: Mimpolia mb' aman-drolongo'o mb'eo, le
italilio o raha ra'elahy nanoe' i TALÈ ama'oo, vaho ty niferenaiña'e. 20 Le nimb'eo re
nitalily e Dekapolisy ao i hene raha fanjàka nanoe' IESOÀ ama'ey; vaho fonga nilatsa.

### *I Jairo*
*Mat 9.18-19; Lke 8.41-42*

21 Ie nitsake an-dakañe indraike t'IESOÀ nitoly an-dafe eroy, le nihipoke ama'e i
lahialeñey, ie tañ' olon-driake ey. 22 Niheo mb'eo ty raike amo beim-pitontonañeo,
i Jairo ty tahina'e; ie nitendreke aze, le nibokoke am-pandia'e 23 nihalaly ty hoe:
Matindry fa heta'e i anak' ampelakoy, Ehe antao, hanampeza'o fitàñe, hijangaña'e
ho veloñe. 24 Aa le nindreza'e lia vaho nanonjohy aze i lahialeñey naho nifanisike
ama'e.

### *Ty Ampela Niazo' ty Lke Lava*
*Mat 9.20-22; Lke 8.43-48*

25 Teo ty rakemba niazo' ty lio-lava folo taoñe ro'amby; 26 ie nisotry raha tsiefa
ami'ty mpanaha maro, ze fonga nampikapioke ty vara'e, f'ie tsy nimbaeñe, te mone
niindra; 27 ie nahatsanoñe ty am' IESOÀ, le nitsifitse amy lahialeñey mb'am-boho'e
ao vaho nitsapa i saro'ey. 28 Fa hoe re: Ndra te i saro'ey avao ty tsapaeko, ho jangan-
draho. 29 Aa le nimaike amy zao i hila-tsimeivohi'ey, naho napota'e añova'e ao te
nijangañe amy hasilo'ey.
30 Niarofoana' IESOÀ amy zao te niakaran-kaozarañe, le nitolike amy lahialeñey,
nanao ty hoe: Ia ty nipaoke o sarokoo? 31 Hoe ty natoi' o mpiama'eo aze: Vazoho'o
o lahialeñe mifanihisihy ama'oo, mbore anoe'o ty hoe: Ia ty nitsapa Ahy? 32 Nitolike
re, nahavazoho i nanao zay. 33 Nivorombeloñe amy zao i rakembay naho nititititike,
ie nifohi'e i nifonitse ama'ey, le nimb'eo nibaboke añatrefa'e eo vaho hene natalili'e
aze ami'ty hatò. 34 Aa hoe re tama'e; O anake, nahahaha azo o fatokisa'oo: akia
an-kanitsiñe, le mijangàña amy hasilofa'oy.

### *Natroatse ty Anak'Ampela'i Jairo*
*Mat 9.23-26 Lke 8.49-56*

35 Ie mbe nitsara, pok'eo o hirik' amy beim-pitontonañeio nanao ty hoe: Fa simba
i anak' ampela'oy; inoñe ka ty hitsoborea'o i Talè? 36 Jinanji' IESOÀ i entañe zay, le
hoe re amy beim-pitontonañey: Ko hembañe, matokisa avao. 37 Le tsy nimetea'e t'ie
horiheñe naho tsy i Petera naho Iakobe vaho i Jaona rahalahi' Iakobe.
38 Ie niloak' añ'anjomba' i beim-pitontonañey, nivazoho'e o fihorentseañeo, o
nandalao, vaho o nangoihoio. 39 Nizilike ao re, le nanoa'e ty hoe: Akore o fikorahañe
naho lako-tañio? Tsy simba i ajajampelay, fa miroro. 40 Nikakakaka aze iereo, fe

* **5:9** Legiona: lahin-defo 6000 mirimbo

fonga nasita'e le nendese'e ty rae naho rene' i ajajampelay vaho i mpiama'e rey,
mb'amy ajajampelay. 41 Rinambe'e ty taña' i ajajampelay, le nanoe'e ty hoe: Talita
komy, (ze adika ty hoe: O ajajampelao, hoe raho ama'o, mitroara). 42 Nitroatse amy
zao i ajajampelay, le nandeha—ie nifolo taoñe ro'amby, vaho nijagòñe an-datsa iereo.
43 Fe hinatahata'e tsy hampahafohiñe ndra ia ia; le nampamahàne'e hàneñe.

# 6

*Tsy Nañaoñe o nte Nazaretao*
*Mat 13.53-58; Lke 4.16-30*

1 Niakatse re, nimpoly mb'an-tane'e añe, le norihe' o mpiama'eo. 2 Ie Sabotse le
nañoke am-pitontonañe ao vaho nilatsa i maro nahajanjiñe azey, nanao ty hoe: Taia
ty nahazoa' t'indaty tia o raha zao? Akore o hihitse natolots' azeo vaho o raha ra'elahy
fonirem-pità'eo? 3 Tsy ie i mpandrafits' ana' i Marie naho rahalahi' Iakobe naho i
Josesy naho i Jodasy vaho i Simonay? Tsy aman-tikañe etoañe hao o rahavave'eo? Le
nisirikae' iereo. 4 Aa hoe ty nanoa' Iesoà: Tsy pok' asy ty mpitoky naho tsy an-tane'e
ao, naho amo foko'eo, vaho añ'anjomba'e ao. 5 Aa le tsy nahatafete-draha ra'elahy
ao re, naho tsy t'ie nahajangañe ty narare tsy ampeampe am-panampezam-pitàñe,
6 ie nilatsa ami'ty tsy fatokisa' iareo.

*Ty Namantohañe ty Folo Ro'amby*
*Mat 10.1, 5-15; Lke 9.1-6*

Aa le nañariary amo tanañeo re, nañoke. 7 Le tsinikao'e i folo ro'amby rey,
naho namototse nañitrike iareo kiroeroe, naho nomea'e lily amo anga-dratio, 8 vaho
nitoroa'e ty tsy hinday amy liay naho tsy kobaiñe avao; tsy mofo tsy kotrañe naho
tsy drala an-tsandrife. 9 Mihanà, fa ko misikin-tsaron-droe. 10 Le hoe re am'iereo:
Ndra mbia' mbia t'ie himoak' añ'anjomba, mitoboha ao ampara' te hiakatse i rovay,
11 naho eo ty toetse tsy mampihova anahareo, naho tsy mijanjiñe, ie mienga ao, le
aboño am-pandia' areo ty deboke ho fanesehañe iareo.

12 Niavotse iereo nitaroñe ty fisolohoañe, 13 naho nañary kokolampa maro naho
nañiliñe solike ami'ty natindry tsifotofoto vaho nampijangañe.

*Navetrake t'i Jaona*
*Mat 14.1-12; Lke 9.7-9*

14 Ie nioni' i Heroda (toe niboele mb'eo mb'eo ty tahina' Iesoà) le hoe re: Toe
nivañoñe an-kavilasy t'i Jaona Mpandipotse; zay ty itoloñan-kaozarañe tsitantane
ama'e. 15 Hoe ty ila'e: I Elia zay, hoe ka o ila'eo: Mpitoky re, manahake o mpitoky
taoloo. 16 F'ie jinanji' i Heroda, le nifahara'e ty hoe : I Jaona kinitsiko-lohay ty
nivañombelo.

17 Toe nampihitrife' i Heroda ty nitsepak' i Jaona, le rinohi'e am-porozò ao, ty amy
Herodiasy, vali' i Filipo rahalahi'e, 18 ie nanoe' i Jaona amy Heroday ty hoe: Tsy Hake
ty hanaña'o i valin-drahalahi'oy. 19 Nitan-kabò ama'e t'i Herodiasy, le ho nañe-doza
ama'e, fe tsy nahalefe; 20 amy te nañalike i Heroda t'i Jaona, ie nioni'e te ondaty
vaño naho aman-kasy; le nambena'e, vaho niembetse te nijanjiña'e, fe nitea'e ty
nitsendreñe aze.

21 Tondroke amy zao ty andro nahaheneke zay: i fitiahiañe ty andro nisamahañe i
Heroday, le nanoa'e sabadidake o roandriañeo naho o mpandilio vaho o androanavi'
i Galiliao; 22 Nimoake ao ty anak' ampela' i Herodiasy, nitsinjake, nahaehake i
Heroda naho o nambarañeo. Le hoe i mpanjakay amy somondraray: Halalio amako
ze tea'o le hatoloko, 23 mbore nitangea'e ty hoe: Ndra inoñ' inoñe ihalalia'o, le
hatoloko azo, pak'ami'ty vaki' i fehekoy. 24 Niakatse re, nañontane an-drene'e:
Inoñe ty hangataheko? le hoe re: Ty loha' i Jaona Mpandipotse! 25 Nihitrike

mb'amy mpanjakay mb'eo re, le hoe ty hàta'e: Ehe atoloro'o ahy añ'akala aniany
ty añambone' i Jaona Mpandipotse. 26 Akore ty fioremeña' i mpanjakay; fe i fanta
natao'ey, naho o nambarañeo, le tsy nimete ifoneñañe. 27 Nañitrike ty lahindefoñe
amy zao re, le linili'e ty handesañe i añambone'ey; le nimb'eo re nampikitsike
aze am-porozò ao 28 naho nindese'e añ'akalañe ty añambone'e naho natolo'e amy
somondraray vaho natolo' i ampelay aman-drene'e. 29 Ie nirendre'o mpiama'eo, le
nimb'eo nitakoñe i fañòva'ey vaho nandrohots'aze an-kibory ao.

### *Nibalike i Folo Roe-amby rey*
### *Lke 9.10*

30 Nifanontoñe amy IESOÀ o nirahe'eo le hene natalili' iereo o nanoeñe naho
nanare' iereoo. 31 Le hoe re tam' iereo: Antao hitolake, hitofa am-bangiñe ao heike.
(Amy te maro ty ni-helohelo teo vaho ndra ty fikamañe tsy nilefe.) 32 Aa le nienga
an-dakañe mb'am-bangiñe añe iereo, nitolake.

### *Namahañe ty Lime-arivo*
### *Mat 14.13-21; Lke 9.11-17; Jao 6.1-14*

33 Fe nitalakeseñe ty fiengà' iareo le napota' i màroy naho nihitrihitry am-pandia
mb'eo hirik'amo rova iabio, naho niavy aolo vaho niropake ama'e. 34 Ie toly añ'olotse
eo t'IESOÀ le naheo'e i lahialeñey, naho niferenaiña'e, amy te nanahake añondry
tsy amam-piarake vaho niorotse nañoke raha maro ama'e. 35 Ie roñoñe añe le
nimb'ama'e i mpiama'e rey nanao ty hoe: Paipaiñe ty atoy, fa miròñe i àndroy,
36 ampiavoto iereo hihitrike mb'an-tane mañohoke ey, naho mb'amo tanàñeo mb'eo
hikalo mahakama. 37 Fe natoi'e ty hoe: Anjotsò mahakama. Fa hoe iereo ama'e:
Hitoha hao zahay hikalo mofo denaria roan-jato hazotso'ay hitsopeha'e? 38 Le hoe re
tam' iereo: Fire ty mofo* ama'areo? Akia, oniño. Namolily iereo, le nanao ty hoe:
Lime naho fiañe roe.
39 Le hene nampiambesare' IESOÀ an-dròkandrokañe añ'ahetse maindoñe ey;
40 vaho ni-ikeike niambesatse ki-zato naho ki-limam-polo. 41 Rinambe'e i mofo lime
rey naho i fiañe roe zay, le niandra mb'an-dikerañe ey, nitata, vaho namolake i mofo
rey, le nitolom-panolotse amo mpiama'eo hanjotsoa' iareo, vaho zinara am' iereo
iaby i fiañe roe rey. 42 Sindre nikama, le nianjañe, 43 vaho nahoro' iareo ami' ty
mozete folo ro'amby pea ze nifitafita amy mahakamay naho amo fiañeo. 44 Lime
arivo ty lahilahy nikama amy mofoy.

### *Nidraidraitse Ambone Riake eo*
### *Mat 14.22-23; Jao 6.15-21*

45 Nirahe' IESOÀ amy zao o mpiama'eo hijon-dakañe hitsake aolo mb'e Betsaida
mb'eo, ie hampoly i lahialeñey, 46 le nampiavote'e an-kanintsiñe i màroy, vaho
nienga mb'am-bohitse ey nitalaho. 47 Aa ie hariva, le tañivon-driake eñe i lakañey,
vaho niereñèreñe an-tane ey re. 48 Nivazoho'e t'ie nilozoke am-pive fa niatre-tioke;
aa ie amy fijilovan-kale fah' èfatsey le nimb'am'iereo mb'eo nidraidraitse ambone' i
riakey vaho ho nilosora'e; 49 aa ie nioni' iereo nanjenge ambone' i riakey le nikoràke
fa natao' iereo ho angatse, 50 amy te hene nahaoniñe aze vaho nianifañe. Fe hoe
ty nisaontsia'e: Mihafatrara, Zaho 'nio, ko hembañe. 51 Le nijon-dakañe mindre
am'iereo re, naho nipendreñe i tiokey, vaho niloho latsa iareo, 52 amy t'ie tsy
nahatsikarake i mofoy, fa mbe nigañ'arofo.

### *Nañafake e Genesareta*
### *Mat 14.34-56*

---

* **6:38** Mofo: oniño Iek 4:9

53 Ie tafatsàke le nitoly an-tane' Genesareta vaho nigaoñe añ'olotse eo. 54 Ie vaho
niakatse i lakañey, le nifohi' ondatio, 55 naho nirimatse mbeo'mbeo amy taney ninday
marare an-tihy, mb'amy naharendreha' iereo aze mb'eo. 56 Aa ndra aia aia niheova'e,
ke an-tanañe, ke an-drova, he an-kaloke, le nampàndre' iereo an-tameañe ey o
natindrio vaho nihalaly t'ie ho tsapaeñe ndra ty añ' ìndran-tsaro'e eo. Le hene
nijangañe ze nitsapa aze.

# 7

*Imaneo ty Hazavañ'Arofo*
*Mat 15.1-20*

1 Nihimpoke ama'e o Fariseo naho mpanoki-dily ila'eo nihitrike boak'e Ierosaleme
añe; 2 le nahaisake te nikama mofo am-pitàñe maleotse o mpiama'e ila'eo, 3 (Toe
tsy mikama hey o Fariseoo naho o Jiosy iabio naho tsy manasa an-dili'e am-
pañambenañe o satan-droaeo, 4 le tsy mikama iereo te boak'an-tsena naho tsy
mañalio vatañe, vaho tsiefa o raha rinambe' iereo hambenañe, manahake ty sasa-
fitovy naho valàñe vaho gorogoro torisìke) 5 le hoe ty nañontanea' o Fariseoo naho o
mpanoki-dilio aze: Akore te tsy orihe' o mpiama'oo o lilin-droaeo, ie mihinan-kaneñe
an-taña maleotse? 6 Tinoi' Iesoà ty hoe: To ty nitokia' Isaia ty ama' areo soamiatrekeo,
ami'ty pinatetse ty hoe:
Miasy ahy am-pivimby ondaty retoa,
Fe lavits' ahy ty arofo' iareo,
7 Borosode ty italahoa'iareo, ie mañanatse fañè'ondaty hoe hatòm-bolañe.*
8 Nado'areo o lilin'Añahareo hivontititse amo lilin-droaeo. 9 Tinovo'e ty hoe: Eka,
soa avao te nadò'areo ty lilin'Añahare hañambenañe o lilin-droaeo. 10 Fa hoe t'i
Mosè:
Miasia an-drae'o naho i rene'o,† naho
Havetrake ze mamatse rae ndra rene.
11 Fe hoe nahareo: Naho anoe' ondaty aman-drae ndra rene ty hoe: Ze amako
ho nañimba anahareo ro Korbane (toe: Enga aman' Añahare); 12 le tsy apo' areo
hanao ndra inoñ' inoñe re ho aman-drae'e ndra rene'e, 13 aa le mivalike amy tsaran'
Añaharey nahareo an-dilin-droae'areo ze mbore taroñe' areo; toe maro ty fanoe'
areo hambañe amy zay.
14 Aa le kinanji'e hitotok' aze i maroy naho nanoa'e ty hoe: 15 Tsy eo ty alafe' ondaty,
ie mimoake ama'e ao, ty mahativa aze, fa o miakatse ama'eo ty mahativa ondaty.‡
17 Nienga i lahialeñey re le nizilike añ' anjomba ao, naho nañontanea' o mpiama'eo
i fandrazañañey. 18 Le hoe re tam' iereo: Tsy maharendreke ka v'inahareoo?
Tsy apota' areo hao te tsy mahativa ondaty ze mizilike ama'e ao boak' alafe'e,
19 amy t'ie tsy mijoñe añ'arofo'e fa am-pisafoañe ao, vaho amontoñeñe.§ 20 Le
hoe re: Ze miakatse ama' ondaty ro maniva indatiy. 21 Amy te boak'ao, hirike
an-tro' ondaty ao ty iakaran-kilily, hakarapiloañe, fikamerañe, fañohofan-doza,
havambàñe, 22 fihàñañe, hatserehañe, famañahiañe, hadrao, fikirofañe, fañinjeañe,
fiebotseborañe vaho ty hadagolàñe. 23 Boak' ao i hene raty mahativa ondaty rezay.

*I Rakemba Grikay*
*Mat 15.21-28*

24 Niongake re, niavotse mb' an-tane Tirò naho i Sidona añe, vaho nizilike
añ'anjomba ao, toe laha'e te tsy ho fohi' ondaty, f'ie tsy nahafietake. 25 Nahajanjiñe
ty ama'e ty rakemba, ie nangare' ty anga-draty i anak' ampela'ey, le niheo mb'ama'e
niankotrake am-pandia'e eo. 26 Nte Grika i rakembay, Siro-foinika ty famosora'e;

* 7:7 Isa 29:13 † 7:10 Avo 20:12 ‡ 7:15 HN:16 Ze aman-dravembia hijanjy.. § 7:19 Toe mahakama, fa
tsy o raha falio

nihalalia’e ty handroake i kokolampa amy anak’ ampela’eiy; 27 fe hoe ty natoi’
IESOÀ: Soa re te vontsiñe hey o ajajao, fa tsy mete te rambeseñe ty mofo’ o ajajao
hahifike amo anak’ amboao. 28 Tinoi’e ty hoe: Eka, Rañandria, fe ndra o anak’
amboa añ’ ilam-pandambañañeo ro milintseñe ze afitafita’ o ajajao. 29 Le hoe re
ama’e: Ty amy enta’oy, akia, fa niakats’ amy anak’ ampela’oy i anga-dratiy. 30 Ie
nimpoly añ’anjomba’e ao, zoe’e nàndre an-tihy eo i anak’ ampela’ey, fa nimaotse
añe i kokolampay.

### *Mañafake ty Giñe naho Moañe*
*Mat 15.29-31*

31 Nienga an-tane’ i Tirò re niranga i Sidona mb’an-driake Galilia mb’eo amparipari’
ty atao Dekapolisy. 32 Le nandesañe ty giñe naho saro-drehake, le nihalaliañe te
hampitongoà’e fitañe. 33 Natola’e amy lahialeñey, naho nazili’e an-dravembia’e ao o
rambom-pità’eo, le nañakatse ranom-pañere vaho napotsapotsa’e am-pamele’e eo,
34 le niandra mb’ an-dikerañe ey naho niselekaiñe vaho nanoa’e ty hoe: Ef’fata, ze
midika ty hoe: Misokafa. 35 Nisokake amy zao o ravembia’eo naho nihaha i handram-
pamele’ey vaho nalange i saontsi’ey.
36 Le linili’e tsy hitalily ama’ia ia, fa ndra te nonjone’e i hatahatay, àntsake te
naboele’ iereo i taliliy. 37 Tsy aman’ ohatse ty hadabà’ iareo kanao nanao ty hoe:
Hene fonitse ze anoe’e, ampijanjiñe’e ty giñe, vaho ampisaontsie’e ty moañe.

# 8

### *I Efats’Arivoy*
*Mat 15.32-39; Mar 6.32-44*

1 Tamy andro zay, ie nialindretse i lahialeñey, naho tsy ama’ mahakama, kinanji’
IESOÀ o mpiama’eo le nanoa’e ty hoe: 2 Ferenaiñako ondaty retoa fa telo andro te
niharo amako vaho tsy aman-ko kamaeñe; 3 aa naho ampolieko mb’añ’akiba’e añe,
t’ie mifeake, le hitoirañe an-dalañe ey, fa boa-davitse o ila’eo. 4 Le hoe ty natoi’ o
mpiama’eo: Aia ty mofo an-jerezere tane atoy hahaeneñe ondatio? 5 Nañontanea’e
ty hoe: Fire ty mofo ama’ areo? Fito, hoe iereo.
6 Nampiambesare’e an-tane eo i màroy, le nandrambe i mofo fito rey naho
nañandriañe, le finola’e, naho natolo’e amo mpiama’eo hanjotsoa’ iareo, vaho
nazotso’ iereo am’ ondatio. 7 Aman’ ana-piañe tsiampeampe ka iareo; tinata’e zay le
nampanjotsoa’e. 8 Nikama iereo le nianjañe; vaho nahoroñe an-karon-kisetse fito i
nisisa amo nifitafitaoy. 9 Va’e efats’ arivo ty teo; le nampolie’e.
10 Nijon-dakañe amy zao re mindre amo mpiama’eo niondrañe mb’ an-tane
Dalmanota añe.

### *Mipay Viloñe o Fariseoo*
*Mat 15.39—16.4; Lke 11.16, 29; Jao 6.30*

11 Pok’ eo o Fariseoo nifandietse ama’e, nipay viloñe boak’ andindìñe ao
hisombeañ’ aze. 12 Niselekaiñe añ’arofo’e re nanao ty hoe: Ino ty paia’ ty tariratse
toy viloñe? Eka! to t’itaroñako te tsy ho toloram-biloñe ty tariratse toy. 13 Nisitaha’e
naho nijon-dakañe indraike, nitsake mb’an-dafe eroke.

### *Ty Lalivai’ o Fariseoo*
*Mat 16.5-12*

14 Nihaliño’ iareo ty mivaty mofo, le tsy ama’e naho tsy ty vonga’e raike an-
dakañ’ ao. 15 Le nafantopanto’e ami’ty hoe: Mijilova! itaò ty lalivai’ o Fariseoo
naho ty lalivai’ i Heroda. 16 Le hoe ty vesoveso’ iareo: Va’e te tika tsy ama’ mofo.
17 Niarofoana’ Iesoà, le hoe re ama’e: Inoñe ty aereñerè’ areo te tsy ama’ mofo? Mbe
tsy mahaisake ndra mahafohiñe hao? Mbe aman-troke mijadiriñe hao?

18 Ry amam-pihaino, tsy mahaisake hao?
Ry aman-dravembia, tsy mahajanjiñe hao?*
tsy tiahi'areo hao, 19 ie namolahañe mofo lime i lime arivoy rey, fire ty mozete pea
ty nifitafita natonto' areo? Folo ro'amby, hoe iereo. 20 Aa naho nifolaheko i fito ho a i
efats' arivoy rey, fire ty haron-kisetse nipeà' i nifitafitay ty rinambe' areo? Hoe iereo
ama'e, Fito. 21 Le hoe re tam' iereo: Mbe tsy mahafohiñe hao?

### *Jinanga'e t'i Fey*

22 Toly e Betsaida ao iereo, le nasese ama'e ty goa vaho nihalaliañe t'ie hitsapa
aze. 23 Rinambe'e ty fità' i feiy le nindese'e niakatse i rovay, naho nañakatse fañère
am-pihaino'e ao vaho nañontane aze he nahaisake. 24 Ie niandra le nanao ty hoe:
Mahatrea ondaty raho, aheoko t'ie hoe hatae misitsitse. 25 Napeta'e am-pihaino'e
indraike o fità'eo, nihìren-dre le niareñe ty fañentea'e, vaho kila niisa'e malange.
26 Nampolie'e mb'an-kiboho'e mb'eo ami'ty hoe: Ko mimoake an-drova ao.

### *Mitalily t'i Petera*
### *Mat 16.13-20; Lke 9.18-20; Jao 6.67-71*

27 Nienga mb' amo tanañe mañohoke i Kaisaria-Filipoo mb'eo t'Iesoà naho o
mpiama'eo; ie nañavelo le hoe ty ontane'e amo mpiama'eo: Atao' ondatio ho ia
raho? 28 Natoi' iareo ty hoe: I Jaona Mpandipotse, le ty ila'e: I Elia, vaho o ila'eo:
raike amo mpitokio. 29 Le hoe re tam' iereo: Inahareo ka, atao' areo ho ia raho?
Tinoi' i Petera ty hoe: I Norizañey 'n-Iheo! 30 Le nafanto'e am'iareo ty tsy hitalily
am' ondatio ty ama'e.

### *Mitoky ty Hivilasia'e*
### *Mat 16.21-23; Lke 9.22*

31 Le namototse nañoke iareo re, te tsy mahay tsy ho silofen-draha maro i Ana'
ondatiy, ho arinjeñe' o roandriañeo naho o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio, le
hañohofan-doza, ie añe ty hateloañe vaho hitroatse indraike. 32 Nabeja'e malange i
tsaray, fe natola' i Petera le nitrevoha'e. 33 Nitolike re nijilo o mpiama'eo le nendaha'e
ami'ty hoe t'i Petera: Mb'am-bohoko ao ty mpañìnje tia! tsy o rahan' Añahareo ty
ereñerea'o, fa a' ondatio.

### *Ty Hasarota'o Fitaliliañeo*
### *Mat 16.24-27; Lke 9.22-26*

34 Tsinikao'e i màroy naho o mpiama'eo, le nanoe'e ty hoe: Ze te hañorike ahy,
ee t'ie hilie-batañe, handrambe i hatae ajale'ey vaho hanonjohy ahy. 35 Ze te
handrombake ty fiai'e ro hamoe aze, vaho ze mitono-vatañe ty amako naho ty amy
talili-soay, ty handrombake aze. 36 Ino ty hahasoa ondaty te kila azo'e ty tane toy,
te mone ampiantoe'e ty fiai'e? 37 Ino ty hampitsaloha' ondaty ty fiai'e? 38 Aa ndra
iaia ty meñatse ahy naho o fivolako ami'ty tariratse vamba naho bey hakeo toio, ty
himeñara' i Ana' Ondatiy t'ie mivotrak' etoa aman-drengen-dRae'e rekets' o anjely
masiñeo.

## 9

1 Tinovo'e am'iereo ty hoe: Eka! to t'itaroñako te amo mijohañe etoañeo ty tsy
hitsope-kavilasy ampara' te isa'e mitotsake ami'ty haozara'e i Fifehean' Añaharey.

### *Ty Niova'e*
### *Mat 17.1-9; Lke 9.28-36; 2 Pet 1.17-18*

2 Ie añe ty eneñ' andro, le nente' Iesoà t'i Petera naho Iakobe vaho i Jaona
nañambone vohitse abo mb'eo, nitolake, ie novaeñe aolo' iereo eo. 3 Nireandreañe

* **8:18** Iir 5:21; Eze 12:2

ty saro'e; nifoty mangotritriake hoe volovaso, hafotiañe tsy lefem-pikotriñe an-tane
atoy. 4 Nisodehañe am'iereo t'i Elia naho i Mosè, vaho nifanaontsy am' Iesoà.

5 Hoe t'i Petera tamy Iesoà: O Raby*, fanjaka ty maha etoañ' antika; apoho
hamboara'ay kivoho telo: ty ho Azo, ty ho a i Mosè, vaho ty ho a i Elia; 6 fe tsy
napota'e i nisaontsie'ey, fa nirevendreveñe. 7 Le niboake eo ty rahoñe nañaloke
iareo, vaho niboak' amy rahoñey ty fiarañanañañe, nanao ty hoe: Anako kokoako
toy: Ijanjiño. 8 Tsipaepae zay, nañente iereo fe tsy nahaisake ia'ia am'iereo naho tsy
Iesoà avao.
9 Ie nizotso i vohitsey, le hinatahata'e tsy hitalily aman-dra ia'ia i niisa' iareoy
ampara' te vañom-beloñe i Ana' Ondatiy. 10 Nahaja' iereo an-troke ao i tsara zay
vaho nifañontane i hoe: Fivañonam-beloñey.

*Mat 17.10-12*

11 Le nañontanea' iareo ty hoe: Akore ty fisaontsi' o mpanoki-dilio te tsy mahay
tsy ho avy aolo t'i Elia? 12 Hoe ty natoi'e: Toe avy aolo t'i Elia hañavao ze he'e; fe
akore i nipatereñe i Ana' Ondatiy t'ie tsy mete tsy silofen-draha maro vaho sirikaeñe?
13 Fe itaroñako, toe niavy t'i Elia, le nanoeñe ama'e ze nisatrie' iereo, hambañe amy
nipaterañey.

### *Nañafake Anga-dRaty*

*Mat 17.14-21; Lke 9.37-42*

14 Nimpoly mb'amo mpiama'eo mb'eo iereo le nahaisake t'ie niarikoboña' i
lahialeñey, naho nanoa' o mpanoki-dilio lie-drokoñe. 15 Ie hene nahaisak' aze i
valobohokey le nilatsa vaho nivavatse mb'ama'e mb'eo hifañontane. 16 Le hoe ty
ontane'e am'iereo: Inoñe o ifandiera' areoo? 17 Hoe ty natoi' ty boak' amy màroy ao:
O Rañandria, nenteko mb'ama'o ty anako niazo' ty kokolampa mahagiñe aze. 18 Ie
azi'e, le roterotè'e naho ampamore'e ty vava'e, ie mivazakota vaho mifimpìñe, aa
naho nivolañeko o mpiama'oo ty hañary aze, tsy nilefe'e.
19 Natoi' Iesoà ty hoe: Ry tariratse po-fatokisañeo, pak' ombia ty mbe hindrezako?
Sikal' ombia ty mbe hifeahako? Ampombao mb'amako re.
20 Aa le nasese' iereo mb'ama'e, ie nivazoho'e, le nifetsaha' i kokolampay an-
tambioñe i ajalahiy; nikorovoke an-tane eo nitamborokoseke vaho namore. 21 Le
nañontanea'e an-drae'e ty hoe: Ombia ty nifotora' i fanjeke'ey? Le hoe ty natoi'e:
Ampara' ty naha-kede aze. 22 Beteke ahifi'e añ'afo ao naho an-drano ao hañohofa'e
loza; aa naho mete'o ty hanao ndra inoñ' inoñe, iferenaiño vaho imbao! 23 Hoe
t'Iesoà tama'e, Naho mete! Toe hene mete ami'ty mpiato. 24 Nitoreo amy zao ty rae'
i ajalahiy ami'ty hoe: Miantoke raho, imbao o tsy fatokisakoo.
25 Naheo' Iesoà te hihipoke ama'e i lahialeñey le nendaha'e i anga-dratiy ami'ty
hoe: Ty kokolampa giñe naho moañe tìañe, lilieko rehe, Iakaro le ko itsamoaha'o
ka. 26 Nikontsiañe amy zao re le nagibigibi'e mafe, naho niakatse vaho ni-hoe lolo i
ajajalahiy kanao natao' i màroy te simba. 27 Fe rinambe' Iesoà ty taña'e le sinotra'e
vaho nitroatse re.
28 Ie nizilike añ'anjomba ao le natola' o mpiama'eo, nañontane aze ty hoe: Akore
te tsy nilefe'ay firoake i rahay? 29 Hoe re tam'iareo: Tsy mete mifaoke i karazañe zay
naho tsy aman-kalaly.

### *Mitoky ty Hivilasia'e*

*Mat 17.22-23; Lke 9.43-45*

30 Nienga iereo re le niranga i Galilia, fa laha'e te tsy ho fohi' ondaty, 31 amy
t'ie nañoke o mpiama'eo, naho nitaroña'e ty hoe: Fa nasese am-pità' ondaty i Ana'

* **9:5** Raby: Talè

Ondatiy hañohofan-doza; ie vinono le hitroatse naho fa modo ty telo andro. 32 Fe tsy
napota' iereo i saontsy zay, naho tsy nahavany nañontane aze.

### *Ty Loha'e amy Fifeheañey*
*Mat 18.1-5; Lke 9.46-48*

33 Nigodañe e Kapernaome ao iereo, le ie añ'anjomba ao, nañontanea'e o
mpiama'eo ty hoe: Inoñe i nisafirie' areo an-dalañey? 34 Nianjiñe iereo, amy te
nialy habey amy lalañey. 35 Niambesatse re le kinanji'e i folo ro'amby rey naho
nanoa'e ty hoe: Naho eo ty te ho valoha'e, ie ty ho tsitso'e vaho ho mpitoro' ie iabiy.
36 Nandrambe ajaja re le navotra'e aolo' iareo eo naho nisazoha'e, vaho nanoe'e ty
hoe iereo: 37 Ndra ia ia mandrambe ty ajaja hoe toke ami'ty añarako mandrambe
ahy, le ndra ia ia mandrambe ahy, tsy zaho ty rambese'e fa i Nañitrike Ahiy.

### *Ty Fanoñonañe ty Tahina' Iesoà*
*Nom 11.26-29; Lke 9.49-50*

38 Hoe t'i Jaona tama'e: O Rañandria, nitrea'ay ty nañary kokolampa ami'ty
tahina'o, le nendaha'ay amy t'ie tsy mpañorike an-tika. 39 Le hoe t'Iesoà: Ko sebañe'o,
fa tsy eo ty hahaboa-kaozarañe ami'ty añarako ze mora hanirìka ahy. 40 Ze tsy
mirafelahy aman-tikañe ro mpiaman-tika. 41 Aa ndra iaia manjotso rano am-pitovy
hinoma' areo amy te a' i Norizañey, Eka! to t'itaroñako t'ie tsy ho motso-tambe.

### *Ty Fampitaoañe amo Afo-beio*
*Mat 18.6-9; Lke 17.1-2*

42 Fe ndra ia ia mampitsikapy ty raike amo mpiato kede retoa, hàmake t'ie
androhizan-deom-bato am-pititia vaho avokovoko an-driake ao. 43 Naho mamingañe
azo ty fità'o, kitsiho añe, fa kitra'e hizilike an-kaveloñe ao dom-pitàñe ta t'ie
havokovoko reke-tañan-droe mb' an-tsikeokeoke† ao, amo afo tsy hay vonoeñeo—
‡ 45 Lehe mahatsikapy azo ty fandia'o, aitò, fa hàmake hizilike an-kaveloñ' ao doñe
rehe ta te hajoroboñe an-tsikeokeoke ao reke-pandia roe—§ 47 Naho mañakeo azo ty
fihaino'o, apolitiro, kitra'e himoak' am-Pifehean' Añahare ao tofa-pihaino raike rehe
ta te hafetsake an-tsikeokeok' ao amam-pihaino roe, 48 amo oletse tsy mateo naho
amo afo tsy hay vonoeñeo—* 49 Toe kila ho siraeñ' afo, 50 Soa o sirao, f'ie botsake i
siray, inoñe ty hanirañ' aze? Manàña sira ama' areo ao, vaho mifampilongoa.

## 10

### *Ty Fañengam-baly naho ty Fañitoam-baly*
*Mat 19.1-12*

1 Niongake re le nienga vaho nandoake am-paripari' Iehodà alafe' Iordaney
añe, naho nihipoke ama'e indraike i lahialeñey, fe ami' ty lili'e, nanare'e avao.
2 Nomb'ama'e mb'eo o Fariseoo hitsoke aze ami'ty hoe: Metea' i Hake hao ty hañaria'
ondaty valy? 3 Tinoi'e ty hoe: Inoñe ty nandilia' i Mosè? 4 Le hoe iereo: Nampanokire'
i Mosè takelan-tsei-valy, zay vaho hitsey.* 5 Natoi' Iesoà ty hoe: Ami' ty hagàñ' arofo'
areo ro nanokira'e i lily zay. 6 Fe boak' am-pifotora' ty voatse toy,
nanoe'e lahilahy naho ampela iereo.†
7 Zay ty talim-pisitaha' ondaty
aman-drae'e naho rene'e,
hireketse amy vali'ey;
8 vaho ho nofotse raike ie roe,‡

† 9:43 helo: afo-bey figadoña' ty mpañinje ‡ 9:43 9:44 aman' oletse tsy mete mate, vaho amo afo tsy mete
vonoeñeo. § 9:45 9:46 manahake ty tovo i 9:44. * 9:48 9:48 manahake ty tovo i 9:44. * 10:4 Its 24:1
† 10:6 Fot 1:27 ‡ 10:8 Fot 2:24

ie tsy roe ka, fa nofotse raike. [9] Aa le ze navitran' Añahare, ee te tsy havitso' ondaty.
[10] Ie tañ'anjomba ao, nindrae' o mpiama'eo ontane amy hoe zay. [11] Le hoe re tam'
iereo: Ze mañary valy naho mañenga ampela hafa ro mampañarapilo aze. [12] Le ze
rakemba misitake ami'ty vali'e naho mifanambaly ami'ty hafa ro mañarapilo.

### *Mitata Ajaja*
### *Mat 19.13-15; Lke 18.15-17*

[13] Ninday ajaja ama'e iereo ho tsapae'e, fe nendaha' o mpiama'eo. [14] Ie nivazoho'
IESOÀ, le niviñetse vaho nanoa'e ty hoe: Adono homb' amako mb'etoañ' o ajajao, ko
sebañeñe fa a o hambañe ama'eo i Fifehean' Añaharey. [15] Eka! to t'itaroñako te tsy
hizilike ao, ndra ia ia tsy mandrambe i Fifehean' Añaharey manahake o ajajao. [16] Aa
le notroñe'e iereo naho nanampeza'e fitàñe vaho nitatae'e.

### *Ty Mpañaleale*
### *Mat 19.16.30; Lke 18.18-30*

[17] Ie vaho nionjoñe mb'amy lia'ey, le nilay mb'ama'e mb'eo t'indaty nitongaleke
añatrefa'e eo nañontane aze ty hoe: O Talè-soa, Inoñe ty hanoeko handovàko
haveloñe nainai'e? [18] Le hoe t'IESOÀ tama'e: Inoñ' ty anoa'o ahy: Soa? Tsy eo ty
soa naho tsy Raike : i Andrianañahare. [19] Fohi'o o lilio:
Ko mañoho-doza,
Ko mañarapilo,
Ko mampikametse,
Ko manao talily vilañe,
Ko midramotse, vaho
Miasìa an-drae'o naho an-drene'o.§
[20] Le nanoa'e ty hoe: O Talè, hene noriheko ampara' ty naha ajalahy ahy.
[21] Nitalatse aze t'IESOÀ le nikokoa'e, vaho nanoa'e ty hoe: Poke raha raike rehe: akia,
aletaho ze hanaña'o, le añomezo o rarakeo hanaña'o vara andindiñe ao vaho antao
hañorik' ahy. [22] Nanahelo re ty amy tsara zay le ninankañe mb'eo an-kamonjerañe
amy te bey ty vara'e.

### *Mampiara-Draha ty Fanañan-Draha*
### *Mat 19.23, 26; Lke 18.24.27*

[23] Ie nitolike t'IESOÀ, le nanoe'e ty hoe amo mpiama'eo: Akore ty hasaro' ty
himoaha' o mpañefoefoo am-Pifehean' Añahare! [24] Nilatsà' o mpiama'eo i tsara'ey,
le nindrai' IESOÀ ty hoe: Ry anake, fihirimbeloñe ty fizilihañe amy Fifehean'
Añaharey ao! [25] Mora ty hampandoahañe rameva* an-kirim-pitrebeke ao ta ty
hiziliha' o mpañalealeo amy Fifehean' Añaharey. [26] Le tsy añ' ohatse ty hadabà' iareo
kanao nifanao ty hoe: Ia arè ty ho rombaheñe? [27] Nitalaha' IESOÀ, le nanoa'e ty hoe:
Toe tsy lefe' ondaty, fa tsy zay ty aman' Añahare: Kila mete aman' Andrianañahare.
[28] Vaho hoe t'i Petera: Hehe, fonga nifarie'ay vaho nanonjohy Azo. [29] Hoe t'IESOÀ:
Eka! to t'itaroñako te tsy eo ty nienga akiba, ndra rahalahy ndra rahavave, ndra rae
ndra rene, ndra valy ndra anake ndra tane ty amako naho ty amy talili-soay [30] ty tsy
handrambe in-jato ami'ty sa toy: anjomba, rahalahy naho rahavave, rene naho anake
naho tane, naho fampisoañañe; vaho haveloñe nainai'e amy sa ho aviy. [31] Maro ty
aolo t'ie ho fara'e; naho ty tsitso'e t'ie ho lohà'e.

### *Mitoky ty Hivilasi'e Fañintelo'e*
### *Mat 20.17-19; Lke 18.31-34*

[32] Ie tan-dalañe mbe Ierosaleme mb'eo, le niaolo t'IESOÀ naho ninevenevetse iereo,
vaho nihembankembañe o ambohoo; natola'e indraike i folo ro'amby rey vaho

§ **10:19** Avo 20:12-17; Its 5:16-20 * **10:25** Aramaika : gamia: taly ndra rameva

nitalilia’e o hifetsake ama’eo, ami’ty hoe: 33 Inao! mb’e Ierosaleme mb’eo tikañe;
le hasese amo mpisorom-beio naho amo mpanoki-dilio i Ana’ Ondatiy, le hafàtse ho
vonoeñe, vaho hatolotse amo kilakila ondatio, 34 honjira’ iereo le handroràñe naho
ho lafàñe vaho ho vonoeñe f’ie modo ty telo andro le hitroatse indraike.

*Firehañe*
*Mat 20.20-28*

35 Niheo mb’ama’e mb’eo t’Iakobe naho i Jaona ana’ i Zebedio, nanao ty hoe:
O Talè, Ehe, ano ama’ay o ihalalia’aio. 36 Hoe re am’ iereo: Ino ty paia’ areo
hanoañe? 37 Le hoe iareo tama’e: Iantofo te, ihe an-drenge’o ao, ehe t’ie hitrao-
piambesatse ama’o, ankavana’o eo ty raike naho ankavia’o eo ty raike. 38 Le hoe
t’Iesoà tam’iereo: Amoea’ areo o halali’ areoo: lefe’ areo hao ty hinoñe amy fitovy
hinomakoy? naho hilipotse amy filiporañe handiporañe ahiy? 39 Le hoe iereo tama’e:
Lefe’ay. Le hoe t’Iesoà: Toe hinoma’ areo i fitovy hinomakoy, vaho hilipora’ areo i
lipotse handiporañe Ahiy, 40 fe ty hiambesatse ankavanako eo naho ankaviako eo, tsy
ahiko hatolotse; fa ho a’ o nañalankañañe azeo.
41 Ie jinanji’ i folo rey, le nitorifike am’ Iakobe naho i Jaona. 42 Aa le tsinikao’ Iesoà
iereo hitotok’ aze, vaho nanoa’e ty hoe: Fohi’ areo te misenge hery amo kilakila
ondatio o atao ho mpanjaka’eo, le mifehe iareo an-keloke o bei’eo. 43 Fa tsy zay ka ty
ama’ areo; ze te ho lahitsiay ama’ areo, ie ty ho mpitoro’ areo 44 le ze te ho lohà’e ama’
areo, ie ty ho fetrek’ oro’ ie iabiy, 45 amy te tsy pok’eo ho toroñeñe i Ana’ Ondatiy, fa
ty hitoroñe vaho hanolotse ty fiai’e hijebañe ty maro.

*i Bartimeo Fey*
*Mat 20.29-34; Lke 18.35-43*

46 Nandoake e Jerikò ao iereo, aa ie nienga i Jeriko rekets’ o mpiama’eo naho i
lahialeñey, le teo t’i mpangatake fey atao Bartimeo, toe ana’ i Timeo, nikonenake añ’
olon-dalañe eo. 47 Ie jinanji’e te inay t’Iesoà nte Nazareta, vaho nikoike ty hoe: Ry
Iesoà Ana’ i Davide, tretrezo raho. 48 Tsiefa ty nañendak’aze hianjiña’e fe àntsake te
nipoñafe’e ty hoe: Ry Ana’ i Davide iferenaiño. 49 Nijohañe t’Iesoà le nampikanjie’e,
aa le kinanji’ iereo i feiy ami’ty hoe: Mahasibeha, miongaha fa kanjie’e. 50 Nahifi’e
añe i saro’ey le niongake nimb’amy Iesoà mb’eo. 51 Le hoe ty natoi’ Iesoà aze. Inoñe
ty paia’o ahy hanoañe? O Rabòny hoe ty asa’e: Ty hahatreavako. 52 Hoe t’Iesoà
tama’e, Akia, naharombake azo o fatokisa’oo. Nahaisake amy zao re vaho nañorike
Iesoà amy lia’ey.

# 11

*Misorogodañ’ an-dRebeke*
*Mat 21.1-9; Lke 19.28-38; Jao 12.12-19*

1 Ie nañarine Ierosaleme e Beit-Pagè naho Betania am-bohi-Oliva eo iereo, le
nahitri’e ty roe amo mpiama’eo 2 ami’ty hoe: Akia mb’an-tanañe ey hoekey, le ie
mizilike ao ro hahaisake ana-borìke mirohy mbe tsy nitongoàñe: draito le tantalio
mb’amako mb’etoa. 3 Aa naho eo ty manao ama’ areo ty hoe: Akore ty anoe’ areo zao?
toiño te ipaia’ i Talè, fa hahitri’e mb’etoañe aniany. 4 Niavotse iereo, le nahaoniñe
ty ana-borìke an-dalañe ey nirohy ami’ty lalam-bey, vaho binala’ iereo. 5 Aa hoe o
nijohanjohañeo am’ iereo: Ino o anoe’ areoo, t’ie mañaha o borìkeo? 6 Le tinoi’
iereo amy nampanoa’ Iesoày; aa le nampionjoneñe. 7 Nendese’ iereo mb’amy Iesoà
mb’eo i ana-borìkey le nalafike ama’e o saro’ iareoo, vaho niningira’e. 8 Nandamake
ty sarimbo’e amy lalañey ty maro, naho nandafike ran-katae binira’e an-teteke ao ty
ila’e. 9 Nikoikoike ty hoe o niaoloo naho o am-bohoo:

Hosana! andriañeñe ty mitotsake ami'ty tahina' i TALÈ! 10 Andriañeñe ty fifehea'i
Davide
raen-tika hitotsak' eo. Ehe rombaho*, ry Andindimoneñeo.†
11 Nizilike e Ierosaleme ao t'IESOÀ, naho niheo mb' añ' Anjomban' Añahare ao, ie
hene nisambae'e le nienga mb'e Betania mb'eo rekets' i folo ro'amby rey amy te
niròñe ty àndro.

*i Sakoañey*
*Mat 21.18-19*

12 Amy loak'androy, naho fa niakatse i Betania iereo le nisaliko re, 13 le tinalake'e
ey hoek'ey ty sakoañe nandraveñe le nomb' ama'e mb'eo ke hahaisake raha ama'e,
fa ie avy eo, tsy nanjò naho tsy raveñe avao, amy te tsy san-tsakoañe. 14 Le hoe re
tama'e: Ee te tsy hikamañe ka. Jinanji' o mpiama'eo zay.

*Ty Nañaliova'e i Anjombay*
*Mat 21.12-17; Lke 19.45-48; Jao 2.13-22*

15 Ie nivotrake e Ierosaleme ao, le nizilike añ'anjomban' Añahare ao vaho
nandroake o mpanao balikeo naho o mpipeake añ'Anjomban' Añahareo le navalitsin-
gore'e ty fandambaña' o mpanakalo volao naho ty fiambesa' o mpandetake dehoo;
16 vaho linili'e te tsy hendeseñe hiranga i Anjombay o kilankañeo. 17 Le nendaha'e
ami'ty hoe: Tsy pinatetse hao te
Hatao anjombam-pitalahoa' ze kilakila ondaty ty anjombako?‡
F'ie nanoe'areo lakato-malaso.§
18 Nahajanjiñe zay o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio, vaho nikinia hañoho-
doza ama'e, fe nimarimarihañe i lahialeñey ami'ty halatsà' iareo amo fañohà'eo.
19 Ie hariva ro niakatse i rovay.

*Ty Haozara'o Fatokisañeo*
*Mat 21.20-22*

20 Niary mb'eo iereo te maraindray, le niisa'iareo i sakoañey niheatse boak' am-
baha'e. 21 Nahatiahy t'i Petera, le hoe re tama'e: O Rañandria, hehe te niheatse i
sakoañe nafà'oy. 22 Le hoe ty natoi' IESOÀ: Atokiso t'i Andrianañahare. 23 Eka! to
t'itaroñako te ndra iaia hanao ami'ty vohitse toy ty hoe: Miombota! mivokovokoa
an-driake ao, lehe tsy mifejofejo an-troke, fe atokisa'e te ho tendreke i natao'ey;
le hanoeñe ho aze zay. 24 Aa le hoe ty ivolañako: ze hene ihalalia' areo naho
isaboa'areo, matokisa t'ie fa azo' areo, le ho ama' areo. 25 Ie mijohañe eo hihalaly,
iheveo hey ze anañan-kakeo, soa te hahan-dRae' areo andindìñe ao ka o tahi' areoo.*

*Nampanandili' Iesoà*
*Mat 21.23-27; Lke 20.1-8*

27 Nigodañe mb'e Ierosaleme mb'eo indraike iereo; le nidraidraitse añ'Anjomban'
Añahare ao, vaho nomb' ama'e mb'eo o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio naho
o roandriañeo, 28 nanao ty hoe ama'e: Lily manao akore, ty anoe'o o raha toañeo?
Ia ty nanolotse Azo lily hanao o raha zao? 29 Hoe t'IESOÀ tam' iereo: Inao ty ontaneko
ama' areo, ie mahatoiñe ahy le hitaroñako ty lily anoeko o raha rezao. 30 I filipora' i
Jaonay: hirike andindìñe ao hao, ke boak'am'ondatio? Itoiño hey.
31 Aa hoe ty vesoveso' iareo: Ie ataon-tika ty hoe: Hirike andindìñe ao, le hatoi'e ty
hoe: Akore arè t'ie tsy niantofa' areo? 32 fa naho manao ty hoe ka tikañe: Boak'ama'
ondaty—fe nimarimariheñe ondatio amy te fonga nitañe i Jaona ho toe mpitoky.

* **11:10** Hosana † **11:10** Sab 118:26 ‡ **11:17** Isa 56:7 § **11:17** Irm. 7:11 * **11:25** 26: F'ie tsy miheve le tsy hapon-dRae an-dindiñe ao ka o tahi'areoo.

33 Aa le hoe ty natoi’ iareo am’IESOÀ: Tsy fohi’ay. Le hoe ty navale’ IESOÀ: Aa le tsy
haborako ka ty lily anoeko irezao.

# 12

### *Ty Mpambole Raty Tsereke*
### *Mat 21.33-46; Lke 20.9-19*

1 Aa le niorotse nisaontsy am-pandrazañañan-dre: Teo t’indaty nañalahala tanem-
bahe: nañarikatoha’e kijoly, naho nihalia’e fipiritan-divay, mbore nandrafeta’e
fitalakesañ’ abo, le nafondro’e am-pañalahala valòboke, vaho nitaveañe añe. 2 Ie
sam-pamaramanta, le namantoke mpitoroñe hangalake amo mpañalahalao ty voka’
i tanem-bahe’ey. 3 F’ie rinambe’ iereo naho nifofoheñe vaho nampipolie’ iereo
mañomaño. 4 Aa le nañitrifa’e mpitoroñe indraike; fe trinabotrabo’ iereo ty
añambone’e, vaho nampisalareñe. 5 Nañitrifa’e indraike, fe navetrake ty raike; le
mbe nimaro ka, vinangovango ty ila’e, nohofan-doza ty ila’e. 6 Mbe ama’e ty honka’e,
ty ana’e kokoa’e, ie ty sehangam-pirahe’e, fa hoe re: Hiasy i anakoy iereo. 7 Fe nikilily
ty hoe i mpamondro rey: Intoy i mpandovay, antao hañè-doza ama’e vaho ho antika i
lovay. 8 Aa le rinambe’ iereo naho namono aze, vaho navokovoko’ iereo alafe’ i tetem-
bahey. 9 Aa vaho inoñe ty hanoe’ i Talèn-tetem-bahey? Hiheo mb’eo re hanjamañe
o mpañalahalao, le hatolo’e ami’ty ila’e i tetem-bahey. 10 Mbe tsy vinaki’ areo hao ty
Sokitse Masiñe manao ty hoe:

I vato nikihoe’ o mpandrafitseoy ie ty talen-kotsoke henaneo.

11 Sata’ iTALÈ zay,

le fiain-tane am-pihainon-tikañ’ ao.*?

12 Aa le nipay ty hitsepake aze iereo, f’ie nihembañe amy lahialeñey; nifohi’iereo
te nanoa’e jera-fotots’aila am’iereo amy ohatsey, aa le nisitake aze vaho niavotse.

### *Ondroho amy Kaisara*
### *Mat 22.15-22; Lke 20.20-26*

13 Le nahitri’ iereo mb’ama’e o Fariseo naho o nte Heroda ila’eo hitsepake aze amo
tsara’eo. 14 Pok’eo iereo, nanao ty hoe: O Talè, fohi’ay te vañon-dRehe, tsy mañaon-
keve’ ondaty, vaho tsy amam-pirihiañe, fa mañoke ty satan’ Añahare an-katò; Aa
vaho Hake hao ty androroñañe vili-loha amy Kaisara†, ke tsie? 15 Handroroñe hao
zahay ke tsy handroroñe?

Fe niarofoana’e ty famañahia’ iareo, le hoe re ama’e: Ino ty itsoha’ areo ahy?
Añandeso drala henteako. 16 Nañandesañe, le nanoa’e ty hoe, Sare naho soki’ ia
v’itoio? A i Kaisara, hoe ty asa’ iareo: 17 Aa le natoi’ IESOÀ ty hoe: Atoloro amy
Kaisara o a i Kaisarao, naho aman’ Añahare o an’ Andrianañahareo. Le nidaba
ama’e iereo.

### *i Fivañonan-koveloñey*
### *Mat 22.23-33; Lke 20.27-40; Asa 23.8*

18 Nimb’ama’e ka o Tsadoke ila’eo, ie tsy miantoke i fivañonam-beloñey, vaho
nitsok’ aze, ami’ty hoe: 19 O Talè, sinoki’ i Mosè aman-tika te ie vilasy ty rahalahi’
ondaty, naho mienga valy tsy aman’ anake, le ampañengàeñe i rahalahi’ey i vali’ey
hameloma’e doria ho amy rahalahi’ey.‡ 20 Aa le teo ty mpirahalahy fito; nañenga valy
ty valoha’e, f’ie nivetrake tsy nampipoke tiry. 21 Le vinali’ ty faharoe, f’ie ka nihomake
tsy nampipoke tiry. Manahake zay ty fahatelo. 22 Leo raike amy mirahalahy fito rey

* **12:11** Sab 118:22,23 † **12:14** Mpanjaka’ ty Fifeheam-bei’ i Roma ‡ **12:19** Its 25:5

tsy nampipoke doria. Fara'e nihomake ka i rakembay. 23 Aa ie amy fivañonam-
beloñey, naho mitroatse iereo, ia ama'e ty ho vali'e, kanao songa nanambaly aze i
fito rey?
24 Hoe t'Iesoà am'iereo: Inay ie, ty mampandilatse anahareo, te tsy fohi' areo i
Sokitse Masiñey ndra ty haozaran' Añahare. 25 Ie mitroatse ami'ty havilasy, tsy
mañenga, tsy engaeñe; fa manahake o anjelin-dindìñeo. 26 Le o vilasio, t'ie mitroatse,
tsy vinaki' areo hao amy boke' i Mosèy ao te tsinaran' Añahare boak' amy rongoñey
ty hoe:
Andrianañahare' i Abraàme raho,
naho t'i Andrianañahare' Isaka, vaho t'i Andrianañahare' Iakobe.§
27 Ie tsy Andrianañahare'o vilasio, fa Andrianañahare'o veloñeo, toe mañota
nahareo.

### *Ty Lily Ambone*
*Mat 22.34-40; Lke 10.25-28*

28 Nimb'eo ty mpanoki-dily, nahajanjiñe ty fifandiera' iareoy naho nahaoniñe te
vinale'e soa vaho nañontanea'e ty hoe: Ino ty lily ra'elahi' ama'e? 29 Natoi' Iesoà ty
hoe: Zao ty lohà'e:
Mijanjiña ry Israele;
Raike t'i Talè
Andrianañaharen-tikañe,
30 Tsy mete tsy kokoa'o
an-kaliforan' arofo,
naho an-kaàtsam-piaiñe,
naho an-kaampom-pitsakoreañe
vaho an-kaozara'o iaby t'i Talè,
Andrianañahare'o*.
31 Hoe ty faharoe:
Ampirao fikoko ami'ty vata'o ondatio.†
Tsy eo ty lily ambone' irezay.
32 Aa hoe ty asa' i mpanoki-diliy tama'e: To i azoy, Talè, mahity i enta'oy te raike
t'i Andrianañahare, tsy aman-tovo'e, 33 le ambone' ze hene engan-koroañe naho
soroñe ty fikokoañ' aze an-kaampon'arofo naho an-kaàtsam-paharendrehañe naho
an-kaliforan-kaozarañe vaho ty fikokoañe ondatio mira aman-teña. 34 Nifohi' Iesoà
t'ie nanoiñe an-kihitse, le hoe re ama'e: Tsy lavits' azo i Fifehean'Añaharey. Aa le
tsy eo ty nahavany ontane aze ka.

### *Ana' Ia i Norizañey?*
*Mat 22.41-46; Lke 20:41-44*

35 Hoe t'Iesoà te nañoke añ'Anjomban' Añahare ao: Akore te atao' o mpanoki-dilio
te ana' i Davide i Norizañey? 36 Toe asa' i Davide añamy Arofo Masiñey ty hoe:
Hoe t'i Talè amy Talèkoy:
Miambesara an-tañan-kavanako etoañe,
ampara' te anoeko fitongoàm-pandia'o o rafelahi'oo.‡
37 Aa ie natao' i Davide, Talèko, ino ty maha ana'e aze? Le nahafale i lahialeñey ty
nijanjiñe aze.

### *Nampiboraha'e*
*Mat 23.1-36; Lke 11.37-52; 20.45-47*

38 Hoe re amo fañoha'eo: Itaò o mpanoki-dily mpitea ty fijelanjelañañe an-
tsaroñe mireparepa naho o fañontaneañe an-tsenao 39 naho ty fiambesatse lohà'e

---

§ **12:26** Avo 3:6 * **12:30** Its 6:4,5 † **12:31** Sor 19:8 ‡ **12:36** Sab 110:1

am-pitontonañ’ao naho ty toem-piasiañe amo sabadidakeo, 40 o mitamboavokake
kibohom-bantotse naho manao koralava hañamahia’eo: ho mafe ty fandilovañe
iareo.

### *Banabanà’ i Vantotsey*
*Lke 21.1-4*

41 Teo re te niambesatse tandrife’ ty fampipoham-banabana eo nisamba ty satam-
pampipoha’ ondatio drala ama’e, le maro ty mpañaleale nampipoke bey. 42 Nimb’eo
ka ty vantotse rarake, nampipoke drala roe miha-fah’efa’e. 43 Aa le tsinikao’e ho
mb’ama’e o mpiama’eo, le nanoa’e ty hoe: Eka! to t’itaroñako te nampipoke maro
am-panontonan-drala ao ty vantotse rarake toy te amy ze hene ila’e nañifike amy
fanontonañey; 44 amy te boak’ ami’ty ambim-bara’e ty nampipoha’ iareo, fe amy
hararaha’ey ro nampipoha’e ze fonga hanaña’e, ze hene fiveloma’e.

## 13

### *Mitoky t’Iesoà*
*Mat 24.1-35; Lke 21.5-36*

1 Ie niavotse i Anjomban’ Añaharey, le hoe ty mpiama’e raike: O Rañandria, anh’a
anh’a! hehek’ o vato jabajabao, o anjomba fanjàkao! 2 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Isa’o
hao o anjomba fanjàka roañeo? Leo vato’e raike tsy hapoke ambone’ ty ila’e ze tsy
hafetsake ambane.
3 Ie niambesatse am-bohi-Oliva, tandrife i Anjomban’ Añaharey, le natola’ i Petera
naho Iakobe naho i Jaona naho i Andrea vaho nañontanea’ iareo ty hoe: 4 Atalilio:
ombia te ho tondroke o raha zao? Inoñe ty ho viloñe t’ie ho heneke?
5 Le namototse nitalily am’iareo ty hoe t’Iesoà: Mitaoa tsy ho verevereñe; 6 maro
ty hiboak’ ami’ty añarako hanao ty hoe, Zaho ro ie, hampandifike ty maro. 7 Le ie
janji’ areo ty amo ali-taneo naho o talilin’ alio, ko mahimahiñe, amy t’ie tsy mete tsy
ho avy, fe mbe tsy ie i figadoñañey. 8 Hiongake hifañatreatre ami’ty fifelehañe ty
fifelehañe, naho ami’ty fifeheañe ty fifeheañe, naho hiezeñezeñe ty tane ila’e añe,
vaho ho paohe’ ty hasalikoañe; ty fifotoram-pitsongoan’ ampela avao irezay.

*Mat 10.17-22; Lke 21.12-16*

9 Aa le mitaoa, fa hasese’ iereo am-pivory ao, naho ho fofoheñe am-pitontonañ’ ao,
vaho hajohañe añatrefam-pandily naho mpanjaka eo ty amako ho fitaliliañe ama’e.
10 Fa tsy mete tsy taroñeñe amy ze kilakila ondaty hey i talili-soay. 11 Aa ie tantalieñe
naho seseheñe, ko mimenomenoñe amy ze ho saontsie’ areo, le ko mañereñere aolo;
fe saontsio ze hatolotse amy ora zay, amy te tsy inahareo ty hisaontsy, fa i Arofo
Masiñey.
12 Hasesen-drahalahy ty rahalahi’e havetrake, le ty rae i ana’e, naho hiongake
aman-droae’e o ana’eo hañoho-doza ama’e. 13 Kila halaiñe anahareo ty ami’ty
añarako, fe ho rombaheñe ty mahafeake pak’ am-para’e.
14 Aa naho vazoho’ areo mijagarodoñe amy tsy mete ijohañañey ty Hativà’ o
Fandrotsahañeo,* (ehe te mahaoniñe ty mpamaky); le miherereaha an-day mb’ am-
bohitse mb’eo ze hene e Iehodà ao; 15 Asoao tsy hizotso ty ambone’ anjomba eo
himoake añ’akiba ao hañakatse raha. 16 Asoao tsy hibalike handrambe ty sarimbo’e
ze an-teteke añe.
17 Feh’ ohatse ho amo mivesatse naho mampinono amy andro rezaio! 18 Le
mihalalia te tsy ho ami’ty asotry ty hifetsaha’e. 19 Fa ho sam-poheke mboe tsy nizoeñe
an-tane atoy sikal’ ami’ty fifotora’ ty voatse namboaren’ Añahare toy pake henane
vaho tsy ho ama’e ka—i andro rezay. 20 Aa naho tsy nampitomots’ andro t’i Talè,
le tsy ho nitendreke nofotse ho rombaheñe; fe o noro’e jinobo’eo ro nañatomora’e i

* **13:14** Dan 12:11

andro rey. 21 Ie amy zao, naho eo ty hanao ama' areo ty hoe: Hehe, ingo i Norizañey;
naho, Hehe, inge! Ko miantoke, 22 amy te hiongake o norizam-bìlañeo, naho o
mpitoky sare'eo, hampiboake viloñe vaho halatsàñe handrantoa'e o jinoboñeo naho
ho nimete. 23 Aa le itaò: Ingo fa hene nataliliko ama'areo aolo.
24 Ie amy andro rezay, naho fa añe i san-kaemberañey, le
hampaieñeñe i àndroy,
naho tsy hañomey ty hazavà'e i volañey,
25 naho hirarake o vasian-dikerañeo,
vaho ho ozoñozòñeñe
o haozarañe andindìñeo.†
26 Vaho ho isa' iereo mitotsake amo rahoñeo ey an-kaozarañe naho engeñe ra'elahy
i Ana' Ondatiy. 27 Le hahitri'e mb'eo o anjeli'eo, hanontoñe o jinobo'eo boak'ami'ty
fihirifa' o tiok' efatseo, sikala añ' olo' ty tane toy añe pak' añ' indran-dikerañe añe.
28 Rendreho ty razañe' o sakoañeo: Ie fa maleme ty lengo'e, naho mibotiboty o
rave'eo, le fohi' areo te miha-asara ty taoñe. 29 Hoe zay ka nahareo, ie maharendreke
ty fifetsaha' irezay; fohino te mitotoke, vaho fa an-dalam-bey eo. 30 Eka! to t'itaroñako
te tsy himosaoñe añe ty fifokoañe toy naho tsy tendreke hey irezay. 31 Hisaok' añe i
likerañey naho ty tane toy, fa tsy hihelañe ka o volakoo.

*Mat 25.13-14; Lke 12.35-40; Rom 13.11;*
*Ef 6.17-18; Kol 4.2; 1 Tes 5.6*

32 Aa ty amy àndroy naho i ora zay, tsy ia ty mahafohiñe ndra o anjely andindìñeo
ndra i Anakey, fa t'i Rae avao.
33 Mitaoa, mijilova; amy te tsy fohi' areo ty hitondroha' i àndroy. 34 Razañeñe amy
t'indaty nañavelo añe; ie nienga ty anjomba'e, naho tinolo'e lily o mpitoro'eo, naho
songa nizarae'e fitoloñañe, vaho namantok' amy mpigarin-dalambeiy te hijilojilo.
35 Aa le mitaòa, amy te tsy fohi' areo ty hibaliha' i talèn' anjombay, ke hariva, he
antets'ale, kera amy kekeon-akohoy, hera maraindray; 36 tsy mone hitojeha re hanjò
anahareo mirotse. 37 O itaroñakoo ro taroñeko amy ze hene ondaty: Mitaoa!

# 14

*Fikililiañe:*
*Mat 26.1-5; Lke 22.1-2; Jao 11.55-57*

1 Ie henane zay, roe andro taolo' i Fihelañey naho i Sabadidake-Mofo-po-Dalivaiy,
le nipay ty hitsepake IESOÀ am-pamañahiañe o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio
hañoho-doza ama'e. 2 Fe hoe iereo: Tsy amy sabadidakey, kera hikoràke i màroy.

*Fañorizañe: Mat 26.6-13; Jao 12.1-8*

3 Ie te Betania añ'anjomba' i Simona angamae ao, nidegañe am-pandambaña
eo, le niheo mb'ama'e mb'eo ty rakemba ninday rame* saro-bily am-pitavonañe
sinihara; nipoñafe'e i fitavonañey vaho nadoa'e añambone'e eo. 4 Fe hoe ty
nifamondromondroa' ty ila'e: Akore ty fiànton-drano-mañitse toy? 5 Ie mete
ho naletake denaria† telon-jato vaho natolotse amo rarakeo. Le nendaha' iareo i
ampelay.
6 Aa hoe t'IESOÀ tama'e: Adono, inoñe ty anirika' areo aze? Ie nañasoa ahy. 7 Fa
mitraoke ama' areo nainai'e o rarakeo vaho mete hasoàñe ndra mbia mbia tea' areo,
fe tsy ho nainai'e ama' areo raho. 8 Nanoe'e ze taka'e; nihosora'e aolo' i leveñey ty
sandriko. 9 Eka! to t'itaroñako te ndra aia aia an-tane atoy ro italiliañe ty talili-soa
toy, le ho talilieñe ka i nanoe' i rakembaiy ho fitiahiañe aze.

---

† **13:25** Isa 34:4 * **14:3** Miora: lite mañitse fañosoran-dolo, † **14:5** Denaria: Talenta raike: volafoty 3,9
gm: tamben'andro

### *Mikabo-draha t'i Jodasy*
### *Mat 26.14-16; Lke 22.3-6*

10 Niavotse mb'amo mpisorom-beio mb'eo amy zao t'i Jodasy, mpiamy folo ro'amby
rey, hamotera'e aze. 11 Niehake iereo te nahajanjiñe, naho nampitamae' iareo drala.
Aa le namototse nipay ty hamotera'e aze re.

### *Ty Fañalankañañe i Sabadidakey*
### *Mat 26.17-19; Lke 22.7-13*

12 Ie ami'ty andro valoha' i Mofo-po-dalivaiy, ie nisoroña' o mpiama'eo i Fihelañey
le hoe ty ontane' iareo ama'e: Aia ty tea'o handenà'ay hañalankañe ty hikama'o
i Fihelañey? 13 Aa le nirahe'e ty roe amo mpiama'eo ami'ty hoe: Miziliha an-
drova ao, le hifanampea' ty lahilahy milolohe sihoan-drano: oriho. 14 Le ndra aia'
aia imoaha'ey, misaontsia amy tompon' anjombay, ty hoe: Hoe t'i Talè: Aia ty
trañon' ambahiny hitraofako fikama i Fihelañey amo mpiamakoo? 15 Le hitoroa'e
traño bey reke-bara nihajarieñe, le fa veka'e am-batsa ao, halankaño ao ty antika.
16 Aa le niavotse o mpiama'eo, nimb'an-drova mb'eo, le nizoe' iereo hambañe amy
nitalilia'ey, vaho hinajari' iareo i Fihelañey.

### *Fifoterañe Mat 26; Lke 22; Jao 13.21-30*

17 Ie hariva le nizilike ao mindre amy folo ro'amby rey. 18 Aa ie nidegañe eo nikama,
le hoe t'Iesoà: Eka! to t'itaroñako te hifotetse ahy ty raike ama' areo, ty mitrao-
pikama amako. 19 Le nangoae iereo nifandimbe nanao ty hoe ama'e: Zaho hao? naho
ty raike: Zaho hao? 20 Tinoi'e ty hoe: Raike amy folo ro' ambiy. I miharo mandò
am-pingakoy . 21 Toe hienga amy pinatetse ty ama'ey i Ana' Ondatiy; fe hankàñe
ami't'indaty mifotetse amy Ana' Ondatiy! Hàmake te tsy nasamake indatiy!

### *ty Sabadidak' i Talèy*
### *Mat 26.26-69; Lke 22.15-20; 1 Kor 11.23-25*

22 Naho nikama iereo le nandrambe mofo re naho nitatae'e, naho nifolahe'e vaho
nazotso'e ami'ty hoe: Intoy, sandriko toy.
23 Ie nandrambe i fitoviy le nañandriañe naho nazotso'e vaho songa nikama ama'e,
24 vaho nanoa'e ty hoe: Intoy ty lioko amy fañinay, ze adobañe ho ami'ty maro.
25 Eka! to t'itaroñako te, tsy hinoñe ty voka' o vaheo ka raho ampara' ty andro
hinomako aze vao am-Pifehean' Añahare ao. 26 Ie nitakasy sabo raike le niavotse
mb'am-bohits' Oliva mb'eo.

### *Mitoky ty Hañovoha' i Petera aze*
### *Mat 26.31-35; Lke 22.31-39; Jao 13.36-38*

27 Hoe t'Iesoà tam'iereo: Hene hitsikapy nahareo te hariva; hoe ty pinatetse:
Ho zevoñeko ty mpiarake,
le hivarakaike o añondrio.‡
28 Zaho fa nivañon-ko veloñe, le hiaoloako nahareo mb'e Galilia añe .
29 Hoe t'i Petera tama'e: Ndra te fonga hitsikapy, tsy zaho! 30 Le hoe t'Iesoà tama'e:
Eka! to t'itaroñako, t'ie anito haleñe, aolo' i kekeon' akoholahy faha-roey, ro hitety
ahy in-telo. 31 Fe nindrai'e ty hoe: Ndra te itraofako havilasy tsy hitety Azo. Le fonga
nanao i hoe zay.

### *Getsemone*
### *Mat 26.36-46; Lke 22.39-46; Jao 18.1*

32 Nandoake an-toetse atao Getsemone ao iereo, le hoe re amo mpiama'eo:
Miambesara etoañe, fa hihalaly raho. 33 Le nampindreze'e ama'e t'i Petera naho
Iakobe naho i Jaona, naho niorotse nangovin-dre vaho nalovilovy; 34 le hoe re tam'
iereo: Loho ore ty fiaiko, hoe te hikenkañe; eo hey, mijilova. 35 Nivike re naho nitoke

‡ **14:27** Zek 13.7

an-tane eo, le nihalaly te, naho nimete ho narirañe ama'e i oray. 36 Hoe re: O Aba§
Rae, kila mete ama'o; ehe ahankaño amako ty fitovy toy; fe tsy ty satriko, fa o satri'oo.
37 Nimb'eo re, le zoe'e nirotse iereo, vaho hoe re amy Petera: O Simona, miroro
v'iheo? Tsy nahatan-droro ora raike hao? 38 Mijilova naho mihalalia, tsy mone hijoñe
am-panjiziañe ao. Toe veka'e ty arofo, fe maifoifo ty nofotse. 39 Nisitake indraike re,
nihalaly, naho nahere'e i tsaray. 40 Ie nibalike nizoe'e nidefoke eo iereo (amy te
nigibeñe o fihaino'eo), le tsy nahatoiñe aze. 41 Nimb'eo fañintelo'e re, le nanoa'e ty
hoe: Miròta hey, mitofà; soa zay, fa tendreke i oray; ingo fa nifotereñe am-pità' o
mpanan-kakeoo i Ana' Ondatiy. 42 Miongaha, antao; hehe fa eo ty mifotetse ahy.

### *Nifotereñe*
### *Mat 26.47-56; Lke 22.47-53; Jao 18.1-12*

43 Ie mbe nisaontsy, pok'eo t'i Jodasy, mpiamy folo ro'amby rey, nindre ami'ty
firimboñañe boak'amo mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio vaho o roandriañeo
ninday fibara naho kobaiñe. 44 Ie amy zao, fa tinolo' i mifotetse azey am'iareo
ty famantarañe, ty hoe: Ty ondrofako, ro ie, Tsepaho, le tantalio mb'eo am-
pañambeñe. 45 Aa ie pok'eo, ro nimb'ama'e mb'eo, nanao ty hoe: O Raby, Talè!
le norofa'e. 46 Nipao-pitàñe ama'e iereo, le namahots' aze. 47 Napontsoa' ty raike
amo nijohanjohañeo ty fibara'e le binira'e ty mpitoro' i talèm-pisoroñey, nañitsike
i ravembia'ey.
48 Le hoe t'Iesoà tam' iereo: Niakatse mb'etoa hoe mañoridañe mpikizo hao
nahareo minday fibara naho kobaiñe hitsepake ahy? 49 Boak' andro raho ro tama'
areo añ' Anjomban' Añahare ao nañoke, fa tsy nitsepahe' areo; fe tsy mahay tsy ho
heneke o Sokitse Masiñeo. 50 Nienga aze iereo, vaho nibioñe. 51 Mpanonjohy aze ty
ajalahy nisikin-damba-leny nanaroñe i haboridaña'ey, fe tsinepa' o ajalahio, 52 f'ie
nipolititse amy siki'ey, nirimatse añe am-pihaloa'e.

### *Añatrefa' ty Fivory*
### *Mat 26.57-68; Lke 22.54-55, 63-71; Jao 18.12-14*

53 Kinororo' iereo mb'amy talèm-pisoroñey mb'eo t'Iesoà; le hene nifanontoñe ao
o mpisorom-beio naho o roandriañeo vaho o mpanoki-dilio. 54 Norihe' i Petera ey
re mb' an-kiririsam-pisorom-bey ao, le nitrao-piambesatse amo mpitoroñe namindro
añ'afoo.
55 Nimanea' o mpisorom-beio naho o mpivory iabio pay ty mpitaroñe hahaseseke
Iesoà, hañohofan-doza ama'e—fe tsy nahaisake. 56 Maro ty nanao kitomboke aze f'ie
tsy niharo-sisý. 57 Le teo ty niongake nanao kipetake aze ami'ty hoe:
58 Tsinano'ay ty asa'e ty hoe: Ho rotsaheko ty kivoho rinafi-pitàñe toy, le harafiko
añate' ty telo andro ty tsy nanoem-pitàñe. 59 Ie amy zay, tsy niharo saontsy avao
iereo.
60 Aa le niongake añivo eo i talèm-pisoroñey nañontane Iesoà ty hoe: Akore te
Ihe tsy manoiñe o anisìa' iretoañeo? 61 Nianjin-dre, tsy nanoiñe. Nañontanea'
i talèm-pisoroñey indraike ami'ty hoe: Ihe hao i Norizañey, ty Ana' i Rengèñey?
62 Hoe t'Iesoà: Ie raho, le ho isa' areo miambesatse am-pitàn-kavanan-kaozarañe
eo i Ana' Ondatiy*, mitotsake amo rahon-dikerañeo†. 63 Rinia' i talèm-pisoroñey o
saro'eo le nanao ty hoe: Inoñe ty mbe ipaian-tika valolombeloñe? 64 Fa jinanji' areo
i teratera'ey; akore arè? Le songa namira-vava t'ie mañeva ho vonoeñe, 65 vaho
nandrora' ty ila'e, le nitakonañe ty lahara'e naho nikomondroeñe, naho nanoeñe ty
hoe: Mitokia! le rinambe' o mpigaritseo vaho rinarateha'iareo.

§ **14:36** Aba: Hebreo: Àv; Abý, Raeko * **14:62** Sab 110:1 † **14:62** Dan 7:13

*Nitety t'i Petera*
*Mat 26.69-75; Lke 22.56-62; Jao 18.15-18, 25-27*
66 Ie tan-kiririsa ambane ey t'i Petera, le nimb'eo ty raike amo ampela mpitoro' i
talèm-pisoroñeio, 67 le nahatrea i Petera namindro; hinente'e vaho nanoe'e ty hoe:
Toe nimpiamy IESOÀ nte Nazareta ka rehe. 68 Fe hoe ty lie'e: Alike amako zay,
tsy apotako o enta'o zao, le niakatse mb'an-davaranga mb'eo vaho inay ty kekeon-
akoholahiy. 69 Ie niisa' i mpitoroñ' ampelay, le hoe re am'ondaty nijohanjohañeo: Toe
mpiama' iareo itìañe. 70 Fe nandiera'e. Tsi-paepae' zay, nanao ty hoe amy Petera
o nizorazorao: Mpiam' iareo vata'e n'iheo fa nte-Galilia. 71 Fe ndra nifàtse naho
nifànta t'i Petera ami'ty hoe: Amoeako ze ondaty saontsie' areo zao. 72 Inay ty kekeo
faharoe; le nitiahi' i Petera i nisaontsia' IESOÀ ty hoe: Aolo' te mikekeo fañindroe'e i
akoholahiy, le hitety ahy in-telo rehe; nitsakorea'e vaho nangoihoy ty rovetse.

# 15

*Ty Varin-Jaka' i Pilato*
*Mat 27; Lke 23.1-23;Jao 18.28-19.15*
1 Ie maraindrain-tsikiake, nivory hisafiry o roandriañeo naho o mpanoki-dilio naho
i sinedriona* iabiy vaho o mpisorom-beio, le rinohi' iereo t'IESOÀ, naho nasese vaho
natolo' iareo amy Pilato. 2 Aa le nañontanea' i Pilato: Ihe hao ty Mpanjaka' o Jiosio?
Tinoi'e ty hoe: Ie i saontsi'oy. 3 Nitolon-kitomboke aze ami'ty raha tsiefa o mpisorom-
beio. 4 Nañontane aze indraike t'i Pilato ami'ty hoe: Tsy manoiñe v'Iheo? Inao o raha
maro anisia' iareoo? 5 Tsy nanoiñe avao t'IESOÀ; le niveren-draha t'i Pilato.
6 Ie amy zao lili'e amy sabadidakey ty hamotsotse am'iereo ty mpirohy raike, ze
tea' iereo. 7 Aa le teo ty atao Barabasy, nitrao-pirohy amo mpiolao, namono ondaty
amy kidý zay. 8 Le nionjom-beo i màroy nihalaly ama'e hanao i fanoe'ey. 9 Natoi'
i Pilato ami'ty hoe: Satri' areo hao ty hamotsorako i Mpanjaka' o Jiosioy? 10 Tali'e,
nifohi'e te nasese' o mpisorom-beio ama'e am-parahy. 11 Fe trinobo' o mpisorom-
beio i màroy, hampañaha'e ho am'iareo t'i Barabasy. 12 Nindrai' i Pilato am'iereo ty
hoe: Hataoko akore arè i atao' areo Mpanjaka'o Jiosioy? 13 Le kinorà' iereo, ty hoe:
Peho amy hatae ajaley. 14 Hoe ty nanoa' i Pilato: Manao akore! Ino ty sata-rati'e? fe
nindrai' iereo am-pidabadoàñe ty hoe: Peho re! 15 Aa ie te hampanintsiñe i màroy t'i
Pilato, le navotso'e am'iereo t'i Barabasy naho nampandafae'e t'IESOÀ vaho nasese'e
ho peheñe añe.

*Nampisoañe aze o Lahin-Defoñeo*
*Mat 27.26-31; Lke 23.24-25;Jao 19.16-22*
16 Nendese'o lahin-defoñeo mb' amy kijàm-pivoriy† ao re, le nikoihe' iereo ze
hene mpirai-liao. 17 Sinaro' iereo malòmavo, naho nandrandrañe halam-patike
ze nisabakañ' aze, 18 vaho nañontane aze ty hoe: Talilio ry Mpanjaka' o Jiosio!
19 Linihi' iereo am-bararata ty añambone'e naho nandrorañe naho nitongalefañe
vaho nibokobokoañe. 20 Aa ie fa nikobìheñe le nafaha' iereo ama'e i saro malo-
mavoy, naho naombe ama'e o saro'eo, vaho nakare' iereo ho peheñe añe.

*Pinèke amy Hatae Ajaley*
*Mat 27.32-44; Lke 23.26-43; Jao 19.17-27*
21 Le nazi'iereo ty niary eo hirike an-kàloke añe, i Simona nte-Kirenia‡ (rae' i
Aleksandro naho i Rofosy); hitarazo i hatae ajale' IESOÀy.

---

* **15:1** Sinedriona: Roaem-pitalahoañe † **15:16** Pretroioma: kijam-pivory, tiribonaly ‡ **15:21** Kirenia: Rova
e Afrika avaratse

22 Le nasese’ iereo mb’amy toetse atao Golgotay mb’eo re (ze adika ty hoe: an-
karandoha). 23 Nasozo’ iereo ama’e ty divay linaro rame§, fe tsy rinambe’e.
24 Le pinè’ iereo; naho zinara’ iareo an-tsato-piso o saro’eo, handrendreke ty
hahazo. 25 Amy ora faha-teloy ty nipehañe aze ambone’ i hatae ajaley. 26 Pinatetse
ambone’e eo ty nanisiañ’ aze ami’ty hoe:
Ty Mpanjaka’ o Jiosio. 27 Nitrao-piradorado ama’e ty malaso roe, ty raike an-
kavana’e naho ty raike an-kavia’e.*
29 Songa nanirìka aze ze niary eo, nañekotseko-doha nanao ty hoe: Hoke! Ihe
ho nandrotsake i Anjomban’ Añaharey naho handrafits’ aze añate’ ty telo andro,
30 rombaho ty vata’o vaho mizotsoa amo hatae ajaleo. 31 Hoe ka ty tsikìke nifanoa’
o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio: Ie nandrombake ty ila’e ro tsy maharomba-
batañe. 32 Adono hizotso amo hatae ajaleo henaneo o Norizañe Mpanjaka’ Israeleo
ho isake, hiantofan-tika. Nitety aze ka o naharo nipeheñe ama’eo.

### *Ty Havilasi’ Iesoà*
*Mat 27.45-56; Lke 23.44-49; Jao 19.28-30*

33 Ie amy ora fah’ eneñey, nivotrake amy Tane iabiy ty fimoromoroñañe sikal’
ami’ty ora faha-sive. 34 Ie amy ora fahasivey le nipazake ty hoe t’IESOÀ: Eloy, Eloy,
lamà sabaktany, ze adika ty hoe: Andrianañahareko, Andriananañahareko, akore ty
namorintseña’o ahy?†
35 Ie nahajanjiñe zay o ila’e nisambao, le hoe ty asa’ iareo: Inay ie, mitoka i Elia.
36 Teo ty nilay naho nampipea vinegra ami’ty eponjy, le nasindri’e ami’ty bararata
vaho naonjo’e ho sitsihe’ IESOÀ, le hoe re: Adono, ho isa-tika hera homb’eo t’i Elia
hanjotso aze.
37 Le nampipoña-piarañanañañe t’IESOÀ naho nirofotse ty arofo’e,
38 vaho nitori-anjake ty lamba fañefe’ i Anjomban’ Añaharey, nivaki-roe boak’
ambone pak’ ambane. 39 Ie nioni’ ty mpifele-jato nijohañe aolo aze eo ty fikaiha’e
naho ty fidrohota’e, le hoe ty asa’e: Toe Anan’ Añahare ondatio.
*Lke 8.2-3*
40 Ey hoek’ ey o roakemba nisambao; ama’e t’i Miriame nte-Magdalà naho i Marie
rene’ Iakobe Zai’e naho i Josese vaho i Saloma; 41 ie nañorike naho nitoroñe aze
e Galilia añe; mbore maro ty rakemba ila’e nindre-lia ama’e t’ie nigodañe mb’e
Ierosaleme ao.

### *Ty Nandentehañe Iesoà*
*Mat 27.57-61; Lke 23.50-56; Jao 19.38-42*

42 Ie fa hiròñe i androy, te andro fañalankañañe (ty andro aolo’ i SABATAy), 43 le
nimb’eo t’Iosefe nte Arimatea, asiñeñe amy Fivori-beiy naho mpitamà i Fifehean’
Añaharey, nitoañe mb’amy Pilato ao nihalaly ty fañòva’ IESOÀ. 44 Nilatsa t’i Pilato te
inao fa nivilasy re, le kinanji’e i mpifele-jatoy, vaho nañontane he t’ie toe nivilasy.
45 Ie nirendre’e amy mpifele-jatoy, le natolo’e am’ Iosefe i fañòvay. 46 Nikaloa’e lamba
leny, le nazotso’e, naho sinafo’e amy leniy, naho nirohota’e an-donake hinaly an-
damilamy, vaho namarimbarìña’e vato ty lala’ i lonakey. 47 Nisambae’ i Miriame
nte-Magdalà naho i Marie rene’ i Josese i nandrohotañ’ azey.

# 16

### *I Fitroara’e ho Veloñey*
*Mat 28.1-8; Lke 24.1-10; Jao 20.1-8*

§ **15:23** Nardose: rame boak’an-dengon-katae atao valeriana; * **15:27** 28Hañeneke i pinatetse amy Boke Masiñeiy ty hoe: Hiaheñe amo bey hakeoo re, Ies 53:9 † **15:34** Sab 22:2

1 Ie añe i SABOTSEY, le ninday hatae mañitse hañosorañe aze t'i Miriame nte-
Magdalà, naho i Marie rene' Iakoba, vaho i Salome 2 ie nimarain-tsi-kia' i loak'
andro' i SABOTSEIy le nivotrak' an-donake eo iereo te manjirik' andro 3 nifañontàne
ty hoe: Ia ty hamarimbariñe i vato an-dala' i lonakeiy ho antikañe? 4 Aa ie niandra,
nahaisake te fa nivariñe i vatoy ndra te nijabajaba. 5 Le nizilike an-donake ao iereo
naho nahaisake ty ajalahy an-tsaroñe foty mireparepa niambesatse an-kavana eo
nampañeveñe iareo. 6 Le hoe re tam' iereo: Ko hembañe: ie mipay IESOÀ nte-
Nazareta nipeheñey. Fa nitroatse re, tsy ato: Heheke, intia ty nandrohotañ' aze. 7 Aa
le akia, atalilio amo mpiama'eo naho amy Petera te hiaoloa'e mb'e Galilia mb'eo, vaho
ho isa' areo añe ty amy nisaontsia'ey. 8 Niavotse naho nipitsike boak'amy lonakey
iereo fa nirevendreveñe naho nivaranehake, fe tsy nitalily ama ondaty fa nihembañe.

### *Figadoña'e lava*
*Mat 28.1-10; Jao 20.11-18*

9 Ie fa nitroatse, le amy maraindray loak' andro' i Sabotsey ro nisodehañe hey
amy Miriame nte-Magdalà nandroaha'e kokolampa fitoy. 10 Niongake re nitalily amo
mpiama'eo, ie niòje naho nirovetse. 11 Ie jinanji' iereo te veloñe naho nahaisake,
mbe tsy niantok' avao.

*Lke 24.13-43; Jao 20.19-23*

12 Ie añe, le an-tsata hafa ty niboaha'e ami'ty roe am'iereo nañavelo mb' am-
pariparitse añe. 13 Nihitrike mb'eo iereo nitalily amo ila'eo, f'ie mboe tsy niantok'
avao.

*Mat 28.16-20; Lke 24.44-49; Jn 20.19-23; Fof 1.6-8*

14 Ie añe, le nipoteak' amy folo raik' amby rey nidegañe am-pandambañañe eo,
le nendaha'e ami'ty tsy nipaoha' iareo naho ami'ty hagàn-tro' iareo tsy niantoke o
nahaisake aze t'ie nitroatseo. 15 Le hoe re tam' iereo: Akia, tsitsiho ty tane toy, taroño
ami'ty voatse bey toy i talili-soay. 16 Ho rombaheñe ze miantoke vaho alipotse; fa
hafàtse ka ze tsi-miato. 17 Le hanonjohy o mpiatoo o viloñe zao: ie ami'ty añarako
ro hañary kokolampa; hisaontsy am-pameleke vao; 18 handrambe mereñe; hikama
ranom-boreke tsy an-joy vaho hampijangañe o matindrio am-panampèzam-pitàñe.

*Lke 24.50-53; Asa 1.9-11*

19 Ie fa nisaontsy am'iereo t'i Talè, le nirambeseñe mb' andindì-mb' eo vaho
miambesatse am-pitàn-kavanan' Añahare eo. 20 Le nionjomb'eo iereo, nitalily
sikal'aia sikal'aia, ie nifanehake am'iereo t'i TALÈ namente o tsarao am-biloñe
nanonjohy. Amena.

# Lioke

*Ty Fitaroña’ i Lioke*

1 Kanao maro ty nandrambe am-pitàñe handahatse talily amo raha atokisantikañeo
2 manahake ty nitaroña’ iareo ama’ay, ie nivalolombeloñe boak’am-baloha’e nimpi-
toroñe i tsaray ama’ay, 3 le satriko ka, ie hinotsohotsoko boak’ am-baloha’e i hene
rezay, ty hanokitse talily soa filahatse ho azo, ry roandria Teofilo, 4 hahafohina’o ty
hatò’ i tsara nañohañe azoy.

*Mañemboke t’i Zakaria*

5 Teo tañ’andro’ i Heroda mpanjaka’ Iehodà, ty mpisoroñe atao Zakaria, am-
pirimboña’ i Abia*; boak’ amo anak’ ampela’ i Aroneo ty tañanjomba’e, i Elizabeta
ty tahina’e. 6 Songa vantañe añatrefan’ Añahare iereo roroe; tsy amam-pitsikoañe
ty fañaveloa’iareo amo lily naho fepè’ IEHOVÀo. 7 Tsy nanañ’ anake fa betsiterake t’i
Elizabeta vaho sambe nigain-kantetse ie roroe.
8 Aa ie nitoroñe ami’ty naham-pisoroñe aze añatrefan’Añahare ami’ty
fifandimbezam-pirimboña’e t’i Zakaria; 9 le amy lilim-pisoroñañey, nitsatok’ ama’e
ty hañemboke, le nimoak’ an-kibohon’ Añahare ao, 10 vaho hene nilolok’ alafe’e ao
i màroy amy fotoam-pañembohañey.

*Ty Lañona’ ty Anjely*

11 Nisodeha ama’e amy zao ty anjeli’ i Talè, nijohañe an-kavana’ i kitrelim-
pañembohañey. 12 Nianifañe t’i Zakaria te nahaoniñe, nihohokòhoke, vaho nidoiña’
ty firevendreveñañe. 13 Le hoe ty asa’ i anjeliy tama’e; Ko hemban-drehe Zakaria fa
jinanjiñe i halali’oy le hisama-dahy ama’o t’i Elizabeta tañanjomba’o vaho toñono
ty hoe Jaona ty añara’e. 14 Ho fale naho ehake rehe vaho maro ty hirebek’ amy
hisamaha’ey, 15 amy t’ie ho ra’elahy añatrefa’ IEHOVÀ, naho tsy hinon-divay ndra
toake, vaho ie mbe an-kovin-drene’e ao ro ho lifore’ i Arofo Masiñey. 16 Maro
amo ana’ Israeleo ty hampitolihe’e amy IEHOVÀ Andrianañahare’ey. 17 Ie hañavelo
añatrefa’eo ami’ty arofo naho haozara’ i Elia, hampitolihe’e amo anakeo ty tron-
droae naho mb’ami’ty fahihira’ o vantañeo o manjehatseo, hampihentseñe ondaty
veka’e ho a IEHOVÀ.†

*Moañe t’i Zaaria*

18 Aa hoe t’i Zakaria tamy anjeliy; Aia ty haharendrehako t’ie to? Bey raho naho
migain-kantetse ka ty valiko. 19 Tinoi’ i anjeliy ty hoe, Zaho n’o Gabriele mpijohañe
añatrefan’ Añahareo; niraheñe hivolañ’ ama’o, hitaroñe o talili-soa zao. 20 Fe
inao! ho moan-drehe, tsy hahasaontsy ampara’ t’ie tafetetse, ami’te tsy natokisa’o
o volakoo, ie ho heneke amy nifantañañey.
21 Nandiñe i Zakaria ondatio, nilatsa t’ie tambatse amy toetse miavakey ao. 22 Ie
niavotse, le tsy nahasaontsy am’ iereo naho nioni’ iereo te niboahan-draha añ’
anjomba miavak’ ao, ie nanondrotondro am’iareo, fa le lia’e nimoañe.
23 Ie amy zao, naho niheneke o andro fitoroña’eo, le nimpoly mb’añ’ anjomba’e
añe. 24 Añe i andro rezay le niareñe t’i Elizabeta, vali’e, vaho nipalitse lime volañe,
fa hoe ty asa’e: 25 Zao ty nanoe’ IEHOVÀ amako amy andro nivazoho’ey, hañafaha’e
amako ty sirika’ondatio.

*Fampitama’ i Gabriela*

* **1:5** Abia : (Fi I 24:10) firimboñañe faha-valo, ami’ty fifandimbezam-pisoroñe boa-tSabotse † **1:17** Mal 3:23,24

[26] Ie amy fah'enembola'ey le niraheñe boak' aman'Añahare ao t'i Gabriela anjely
homb'an-drova atao Nazareta e Galilia añe, [27] mb'ami'ty somondrara nifofoe'
t'indaty atao Iosefe, anjomba' i Davide, Marie ty añara' i somondraray. [28] Niheo
ama'e i anjeliy nanao ty hoe;
Akore ry isoheñe! mitahy azo t'IEHOVÀ.
[29] Nitsonevotse amy zao re amy tsara'ey, le nitsakore i fañontanea'ey. [30] Ko
hemban-drehe, Marie, hoe i anjeliy fa nanjò fañisohañe aman' Añahare.
[31] Oniño t'ie hiareñ' an-koviñ' ao
le hisama-dahy,
vaho hatao'o IESOÀ ty añara'e
[32] Ho fanalolahy re,
le ho toñoneñe ty hoe:
Ana' i Andindimoneñey
naho hatolo' IEHOVÀ Andrianañahare aze ty fiambesa' i Davide rae'e;
[33] le ho fehe'e nainae'e ty anjomba' Iakobe
vaho tsy ho modo i fifehea'ey.

### *Ty Nivesara' i Marie*

[34] Le hoe t'i Marie tamy anjeliy; Akore ty hahamete' zay, zaho tsy mahavany lahy?
[35] Aa le hoe ty natoi' i anjeliy aze;
Hitotsak' ama'o i Arofo Masiñey,
hañalok' azo ty haozara' i Andindimoneñey;
le ho toñoneñe ty hoe Anan' Añahare
i Masiñe hasama'oy.
[36] Inao te niaren-dahy ka
t'i Elizabeta longo'o ndra te bey;
fa enem-bolañe henaneo
i natao betsiterakey,
[37] Toe tsy eo ty tsy lefen' Añahare.
[38] Hoe t'i Marie; Intoy ty anak' ampata' IEHOVÀ; lonike te ho amako i sinaontsi'oy.
Le nienga aze i anjeliy.

### *Nitilike i Elizabeta t'i Marie*

[39] Niongake amy andro rezay t'i Marie, nikapikapike mb'an-tanàñe ambohibohi'
Iehodà mb'eo; [40] le nimoak' añ' anjomba' i Zakaria ao vaho nañontane i Elizabeta.
[41] Ie jinanji' i Elizabeta i fañontanea' i Mariey, le nivoañe ty ajaja an-tro'e ao; mbore
nilifore' i Arofo Masiñey t'i Elizabeta. [42] Le ty hoe ty napaza'e; Haha amy ze atao
ampela rehe vaho soatata ty anake hasama'o. [43] Ia ka raho, te nitilihe' ty rene' i
TALÈkoy? [44] Hete! ie nimoak' an-tsofiko ao i feom-pañontanea'oy le nisondrakak'an-
kaehake ty ajaja an-troko ato. [45] En-droa, haha i niantoke te ho henefeñe ama'e o
raha nitsarae' IEHOVÀy. [46] Aa le nanao ty ti-hoe t'i Marie:
Mañonjoñe IEHOVÀ ty fiaiko,
[47] vaho mirebek' aman'Añahare
mpandrombak' ahy ty troko;
[48] Nivazohoe'e ty hasotria' i anak'
am-pata'ey, Oniño te hanao ahy
haha ze hene tariratse henane zao.
[49] Nanao raha fiain-tane amako i Maozatsey—masiñe ty tahina'e.
[50] Ferenaiña'e pak'an-tariratse an-tariratse o mañeveñe ama'eo.
[51] Nampiboaha'e haozarañe ty fità'e;
naparatsia'e o mpiebotsebotse am-pitsakorean-tro'eo.
[52] Nafotsa'e amo fiambesam-bolo-

nahe'eo o fanalolahio,
vaho naonjo'e o mpirèkeo.
53 Nanjàñe'e raha soa o nisalikoo,
fe nampolie'e hara'e
o mpañalealeo.
54 Nimbae'e t'Israele mpitoro'e, hahatiahia'e i fiferenaiñañe
55 nitsarae'e amy Abraàme naho amo
tarira'e nainai'eoy,
i nampitamà'e an-droaen-tikañey.
56 Telo volañe varàñe ty nitoboha' i Marie ama'e ao vaho nimpoly mb'añ'anjomba'e
añe.

### *Ty Nisamahañe i Jaona*

57 Henek' amy zao o andro nahatoly i Elizabetao, le nisama-dahy. 58 Jinanji' ondaty
mpitrao-tanàñe ama'eo naho o longo'eo t'ie niferenaiña' IEHOVÀ, le nitrao-kafaleañe
ama'e.
59 Ie ami'ty andro faha-valo, le nasese ho savareñe i ajajay, vaho ho natao' iereo
Zakaria ty añara'e amy te zay ty tahinan-drae'e, 60 fa hoe ka ty natoin-drene'e; Aiy!
hatao ty hoe Jaona re. 61 Aa hoe ty asa' iareo tama'e; Leo raik' aman-drolongo'o tsy
nitoñoneñe amy tahinañe zay. 62 Le nañatsikatsik' an-drae'e iereo, ami'ty hoe: Ia
ty satri'o hitokavañ' aze. 63 Nipay fanokiran-dre vaho nanokitse ty hoe: I Jaona ty
añara'e. Aa le hene nidaba. 64 Nisokak' ami'ty manao zao ty falie'e naho nibalake i
famele'ey vaho nisaontsy am-pandrengeañe an' Andrianañahare.
65 Hene nangebahebake o mpimoneñe nañohoke iareoo, vaho nirehafeñe mb'eo
mb'eo ambohibohi' Iehodà ao irezay. 66 Songa nitsakore ty hoe añ' arofo ao ze
nahaoniñe: Ty ajaja ho akore v'itoio? Le nitahy aze ty fità' IEHOVÀ.

### *Ty Fitokia' i Zakaria*

67 Lifotse i Arofo Masiñey amy zao t'i Zakaria rae'e vaho nitoky ty ti-hoe:
68 Andriañeñe t'IEHOVÀ Andrianañahare'
Israele, fa nitilihe'e
vaho jineba'e ondati'eo.
69 Nampitroara'e
tsifam-pandrombahañe tika
añ'anjomba' i Davide mpitoro'e ao,
70 Nitsara am-palie' o mpitoky miavakeo
i teo nainai'e am-pifotora' ty voatse toiy,
71 t'ie ho rombaheñe amo rafelahin-
tikañeo,
naho am-pità' o malaiñe an-tikañeo,
72 Hiferenaiña'e o roazan-tikañeo, naho ho tiahi'e i fañina'e miavakey,
73 i fanta nifantà'e amy Abraàme
raentikañey,
74 t'ie hatolo'e amantikañe, ie fa vinotso'e amo rafelahintikañeo,
hitoroñ' aze tsy an-kahembañañe,
75 am-piavahañe naho
an-kavantañañe añatrefa'e
amo hene andro iveloman-tikañeo.
76 Le ihe, anako, ty hatao Mpitoki'
i Andindimoneñey,
amy te Ihe ty hiaolo i TALÈ hañajary
ty lala homba'e,

77 hampahaoniñe ondati’eo ty fandrombahañe
ie hinahan-kakeo,
78 ami’ty fiferenaiñan’ Añaharen-tika—
ie nampitilihe’e an-tika
i fanjiriha’e boak’ añ’aboy,
79 Hanolora’e hazavàñe
o mpitoboke añ’ieñe ao
naho an-talinjon-kavilasio, hiaoloa’e
mb’an-dalan-kanintsiñe mb’eo
o fandian-tikañeo.
80 Nitombo i ajajay le nihaozatse an-troke vaho nitoets’am-babangoañe añe
ampara’ ty andro niboaha’e am’Israele.

# 2

*Ty Nisamahañe IESOÀ*

1 Nitsatok’ amy andro rezay te niboele mb’eo ty koi-dava’ i Aogosto Kaisara hanoeñe
vali-boke amy ze kila ondaty. 2 Zay ty vali-boke valoha’e nifototse ami’ty naha-bei’ i
Siria i Kirenio. 3 Aa le nañavelo hisokitse amy rova nihirifa’ey ze hene pato-razañe.
4 Niavotse ka t’Iosefe boake Galilia añe hirik’ an-drova Nazareta, le nimoake e
Iehodà, an-drova’ i Davide atao Betleheme ao, amy t’ie tarira naho hasavereña’ i
Davide, 5 hisokitse; mindre ama’e t’i Marie valy fofo’e, ie fa bey troke.
6 Ie añe le tendreke ty andro hitolia’e, 7 le nahatoly ty lahilahy tañoloñoloña’e naho
nifoloñose’e bandy vaho nampandre’e an-tsokemitrahañ’ ao, amy te tsy nahaeneñe
i traño fanjoàn’ambahiniy.

*Nitsey amo Mpiarak’Añondrio ty Anjely*

8 Teo amy tane zay ty mpiarake nañialo am-piandrazañ’añe, niarake o lia-rai’eo
haleñe. 9 Tojo te nijohañe añatrefa’ iereo eo ty anjeli’ IEHOVÀ, naho niarisehoa’e
ami’ ty fireandream-bolonahe’ IEHOVÀ, le hene nirevendreveñe. 10 Aa le hoe i
Anjeliy tam’iereo: Ko hembañe, Inao ty talili-soan-kafaleam-bey endeseko ama’areo,
ho amy ze kila ondaty, 11 t’ie nisamake ho anahareo anindroany androva’ i Davide
ao ty Mpandrombake, i TALÈ Norizañey*. 12 Le zao ty viloñe ho anahareo: ho zoe’
areo nifoloñoseñe bandi-leny ty ajajamena mandre an-tsokemitrahañ’ao.
13 Tsipaepae’ zay nisodehañe mindre amy anjeliy i lahialen-dikerañey, nandrenge
an’Andrianañahare, nanao rodo-bey ty hoe:
14 Rengèñe t’i Andrianañahare andindimoneñe añe, naho fañanintsiñe am’ ondaty
soa-satry an-tane atoio.

*Itiliha’ o Mpiarak’ añondrio*

15 Ie nienga mb’andindìñe mb’eo o anjelio le hoe ty nilahara’ o mpiarakeo: Antao
ry kiahe mb’e Betleheme mb’eo hiisake i nitendrekey, i nampahafohine’ IEHOVÀ an-
tikañey. 16 Nirapirapy mb’eo iereo, le nahaoniñe i Marie naho Iosefe vaho i ajajamena
mandre an-tsokemitrahañey.
17 Ie nahaoniñe aze, le nampaharendrehe’ iereo sikal’aia sikal’aia i natalily
am’iereo ty amy ajajamenaiy. 18 Le nilatsa iaby ze ondaty nahajanjiñe o nitalilia’ i
mpiarake rey. 19 F’ie hene nahaja’ i Marie, ie ninekonekoa’e añ’arofo’e ao. 20 Nibalike
o mpiarakeo, nañonjoñe naho nandrenge an’ Andrianañahare, ty amo hene jinanji’
iereo naho nioni’iereoo, amy nitaliliañey.

*Ty Nanavarañe IESOÀ*

* **2:11** Mpañefe-hakeo amy lio’ey; naho ho Mpanjaka: Kristos (Gr); Mesiakh (Heb)

21 Ie nilomoñe ty valo andro le nisavàreñe i Ajajay, vaho nitoñoneñe ty hoe IESOÀ
ty añara'e, i tahinañe natolo' i anjeliy taolo ty nampiareñañ' aze an-koviñe aoy.
22 Ie heneke o androm-pieferañe aze ty amy Ha' i Mosèio, le nindese' iareo mb'e
Ierosaleme mb'eo, hatolotse amy IEHOVÀ, 23 amy te pinatetse amy Ha' IEHOVÀy ao ty
hoe,
Ze hene lahy tañoloñoloñan' anake ro avaheñe ho amy IEHOVÀ†
24 vaho t'ie hañenga soroñe ty amy pinatetse amy Ha' IEHOVÀiy ty hoe:
Deho roe ndra ana-boromahilala roe.‡

### *Ty Toki' i Simeona*

25 Le teo ty androanavy nte Ierosaleme atao Simeona; vantañe naho mpitalaho.
Nitamà ty fañohòañe Israele naho tama'e i Arofo Masiñey. 26 Nentoe' i Arofo Masiñey
t'ie tsy ho liàn-kavilasy ampara' te isa'e i Noriza' i TALÈY. 27 Nimoak' añ' Anjomban'
Añahare ao re añamy Arofoy. Aa ie nindesen-droae'e t'IESOÀ anak' ajaja, hanoeñe
ama'e ty nafè' i Hake, 28 le notrotroe'e am-pità'e naho nisalale aman' Añahare nanao
ty ti-hoe:
29 Ry IEHOVÀ, avotsoro hiavotse an-kazavàn' arofo henaneo o mpitoro'oo
ty amy saontsi'oy; 30 fa nahatrea ty fandrombaha'o o masokoo,
31 i nihajarie'o añatrefa' ze kila ondatiy,
32 Failo fañazavàñe amo fifeheañeo, naho ty enge' Israele, ondati'oo.
33 Latsa amy zao ty rae' i ajajay naho i rene'e amy nisaontsieñey; 34 le nitata iareo
t'i Simeona, vaho hoe re amy Marie rene' i ajajay: Ingo, fa norizañe ho fihotrahañe
naho fionjonañe ty maro e Israele ao ty ana'o toy, vaho ho viloñe liereñe; 35 (eka ho
trofahem-pibara ka ty tro'o), hampibentatse ty vetsevetsen' arofo' ty maro.

### *Ty Toki' i Anae*

36 Teo ka ty atao Ana mpitoky, anak-ampela' i Fanoela, fifokoa' i Asera; ie antetse,
fito taoñe avao te nanambaly ami'ty naha somondrara aze; 37 fa vantotse valompolo
taoñe efats' amby i rakembay le lia'e tsy nisitak' amy anjomban' Añaharey, fa
nitoroñ'aze an-dilitse, nitalaho handro an-kaleñe. 38 Ie nizilik' ao amy oray le
nandrenge IEHOVÀ, vaho nitalily aze amy ze hene nitamà ty fijebañañe Ierosaleme.

### *Nimpoly mb'e Nazareta Mat 2.19-23*

39 Ie nihenefe'iereo ze nafè' ty Ha' IEHOVÀ, le nimpoly mb'e Galilia mb'e Nazareta
tanà' iareo añe.
40 Nitombo i Ajajay, nihaozatse naho niliforen-kihitse vaho ama'e ty falalàn'
Añahare.

### *E Ierosalaime ao Amy Fihelañey*

41 Nomb'e Ierosaleme boa-taoñe o roae'eo amy sabadidam-Pihelañey. 42 Aa ie
ni-folo taoñe ro' amby t'IESOÀ le nionjomb'e Ierosaleme mb'eo iereo ami'ty lili' i
sandalam-beiy. 43 Naho niheneke i andro rezay le nimpoly iereo; fe mbe nitambatse e
Ierosaleme ao t'IESOÀ anak'ajalahy, le tsy nifohi' Iosefe naho i rene'e; 44 natao' iereo
t'ie nindre lia amo mpitrao-liao le nañavelo andro raike hey vaho nipay aze amo
longo'eo naho am'ondaty fohiñeo. 45 Ie tsy nioni' iereo le nibalike mb'e Ierosaleme
mb'eo nipay aze. 46 Aa toe nitongoa' ty herone t'ie tendrek' añ' Anjomban'Añahare
ao nitoboke añivo' o mpañokeo, nijanjiñe naho nañontane iareo. 47 Daban-draha
iaby ze nahajanjiñe aze ami'ty hilala'e naho amo fanoiña'eo. 48 Ie nioni' iereo le
nivaranehake, fe hoe ty nanoan-drene'e: O Anake, akore ty nanoa'o zao? Hehe
te nioremèn-jahay naho i rae'o nipay Azo! 49 Tinoi'e ty hoe, Akore t'ie nitsoek'
ahy? Tsy fohi' areo hao t'ie tsi-mahay tsy hitoloñe an-dRaeko? 50 Fe nañalike iereo

† **2:23** Avo 13:2 ‡ **2:24** Sor 12:8

i entañe tinaro’ey. 51 F’ie nindreza’e fimpoly mb’e Nazareta mb’eo vaho niasia’e.
Fonga nifaharan-drene’e añ’ arofo’e ao i saontsy zay. 52 Nitombo an-tsandriñe naho
hilala t’Iesoà vaho nisohen’ Añahare naho ondatio.

*ty Mpañajary Lalañe Mat 3.1-12; 14.3-5; Mar 1.1-8; 6.17-20*

# 3

1 Tamy taom-paha folo-lime-ambi’ ty naha mpanjaka i Tiberio Kaisara, ie niragova
e Iehodà t’i Pontio Pilato naho mpifeleke e Galilia t’i Heroda, naho mpifeleke e Itoria
miharo am-pari’ i Trakonitisy t’i Filipo rahalahi’e, naho mpifeleke e Abilena t’i Lisania
2 vaho tami’ty naha-talèm-pisoroñe i Anasy naho i Kaiafa, le nivotrake amy Jaona ana’
i Zakaria am-babangoañe añe ty saontsin’ Añahare. 3 Nitsitsihe’e i tane fiaria’ i saka
Iordaneiy nitalily ty filiporam-pisolohoañe ho ami’ty fañahàn-kakeo; 4 ie pinatetse
amy boken-tsara’ Isaia mpitokiy ty ti-hoe:
Ty fiarañànaña’ i mikoike am-patram-bey añey: Hajario ty lala’ i Talè,
Avantaño o oloñolo’eo,
5 Lembefañe ze hene goledoñe,
aketrake ze atao vohitse naho tamboho, ho vantañeñe o mikelokelokeo,
naho fonga hareneñe
o lalañe tomoantoañeo;
6 Vaho ho oni’ ze kila nofotse
ty fandrombahan’ Añahare.*
7 Le hoe re tamy lahialeñe nivovotse mb’ ama’e mb’eo halipotsey: O ry
Tariran-dapetake! Ia ty nanoro anahareo hibotitsike amy haviñerañe mitotokey?
8 Ampiboaho vokatse mañeva soloho; le ko mamototse mitsakore an-troke ao ty hoe,
Rae’ay t’i Abraàme. Itaroñako te mahafitroatse anake ho a i Abraàme amo vato
retoañe t’i Andrianañahare. 9 Fa ampoto-katae eo henaneo i fekoñey; le ho firaeñe
vaho hafetsak’ añ’afo ao ze hatae tsy mamoa voa soa.
10 Aa hoe ty ontane’ i lahialeñey ama’e: Ino ty hanoe’ay? 11 Hoe ty natoi’e: Ze
aman-tsaroñe roe, soa re te handiva ami’ty tsy ama’e; le hoe zay ka ze manañe
mahakama.
12 Pok’eo ka o mpamory vili-lohao halipotse, nanao ama’e ty hoe: O Mpañoke, ino
ty hanoe’ay? 13 Le hoe re tam’iereo: Ko mangalake mandikoatse ty linily ho anahareo.
14 Le hoe ty ontane’ o lahin-defoñeo: Izahay ka! Ino ty hanoe’ay? Le hoe re
tam’iereo: Ko misenge hery ama’ ondaty, le ko manao talily vìlañe, vaho mimoneña
amo karama’areoo.
15 Amy fitamà’ ondatioy, le hene niereñere i Jaona añ’arofo te hera ie i Norizañey,
ke tsy ie, 16 le hoe ty natoi’ i Jaona am’iareo iaby: Toe alìpoko an-drano ao nahareo,
fa homb’eo ty maozatse te amako; tsy mañeva ahy ty hañaha o tomin-kana’eo. Ie ty
handipotse anahareo an-Tio Masiñe naho añ-Afo. 17 Am-pità’e ty tsikelo’e, le hahoro’e
an-tihy famofohañe ao o vokatseo vaho hatonto’e an-driha o mahakamao, fa ho
sodora’e añ’afo tsy hay vonoeñe ty kafo’e. 18 Mbe maro ty fañosihañe nanoe’e te
nitaroñe am’ondatio.
19 Aa ie nitrevoke i Heroda mpanjaka ty amy Herodiasie valin-drahalahi’e naho ze
fonga sata raty nanoe’ i Heroda, 20 le mbore nahili’e am-balabey ao t’i Jaona, ho tovo’
iaby rezay.

*Milipotse t’Iesoà Mat 3.13-17; Mar 1.9-11*

21 Ie fonga nalipotse ondatio, nilipotse ka t’Iesoà, nilolake naho nisokake i likerañey
22 vaho nizotso ama’e am-batañe manahake ty deho i Arofo Masiñey, le hoe ty
fiarañanañañe hirik’andindìñe ao: Anako rehe, kokoako; Ihe ro mahafale ahiko†.

* **3:6** Ies 40:3-5 † **3:22** Sab 2:7; Fot 22:2; Ies 42:1; Rzs 8:30

### *Ty Toñon-droae'e aman-dRene'e Mat 1.1-17*

23 Va'e telopolo taoñe t'IESOÀ te namototse i fitoloña'ey; ie natao ana' Iosefe, toe
ana' i Hely, 24 ana' i Matate, ana' i Levy, ana' i Melky, ana' Ianà, ana' Iosefe, 25 ana' i
Matatìase, ana' i Amose, ana' i Naome, ana' i Esly, ana' i Nangay, 26 ana' i Maàte, ana'
i Matatìase, ana' i Semey, ana' Iosefe, ana' Iodase, 27 ana' Ioanase, ana' i Resà, ana'
i Zorobabele, ana' i Salatiele, ana' i Nery, 28 ana' i Melky, ana' i Ady, ana' i Kosame,
ana' i Elmaodame, ana' i Ere, 29 ana' Iosè, ana' i Eliezere, ana' Ioreime, ana' i Matate,
ana' i Levy, 30 ana' i Someone, ana' Iodase, ana' Iosefe, ana' Ionane, ana' i Eliakime,
31 ana' i Melease, ana' i Mainane, ana' i Matatae, ana' i Natane, ana' i Davide, 32 ana'
Iesày, ana' i Obede, ana' i Boze, ana' i Salmone, ana' i Naasone, 33 ana' i Aminadabe,
ana' i Arame, ana' i Esrome, ana' i Farese, ana' Iodase, 34 ana' Iakobe, ana' Isaake,
ana' i Abraàme, ana' i Tera, ana' i Nakore, 35 ana' i Saroke, ana' i Ragao, ana' i Paleke,
ana' i Evre, ana' i Salà, 36 ‡ana' i Arfaksade, ana' i Seme, ana' i Noe, ana' i Lameke,
37 ana' i Matosalà, ana' i Enoke, ana' Iàrede, ana' i Malelaele, ana' i Kainane, 38 ana'
i Enose, ana' i Sete ana' i Dame, anak' Andrianañahare.

### *Nanjizieñe Mat 4.1-11; Mar 1.12-13*

## 4

1 Ie niliforeñe amy Arofo Masiñey t'IESOÀ le nibalike boak' am' Iordaney, vaho
niaoloa' i Arofoy mb'am-babangoañ' añe, 2 efapolo andro te nanjizia' i mpañìnjey
ie tsy nikama ndra inoñ' inoñe amy andro rezay. Modo zay le nisaliko, 3 vaho hoe i
mpañìnjey tama'e: Naho toe Anan' Añahare rehe, ampinjareo mofo o vatoo. 4 Hoe
ty natoi' IESOÀ aze: Pinatetse ty hoe:

Tsy mofo avao ty mahaveloñe ondaty*,

5 Le nendese' i mpañìnjey niañambone vohitse mitiotiotse eñe vaho natoro'e aze
amy zao ze kila fifeheañe an-tane atoy. 6 Le hoe i Ratiy tama'e: Hatoloko Azo o
haozarañe iaby zao naho o enge' iareoo, fa natolots' ahy, vaho hatoloko amy ze
satriko; 7 le kila ho Azo t'ie hiambane amako etoañe. 8 Hoe ty natoi' IESOÀ: Hoe
ty pinatetse:

IEHOVÀ Andrianañahare'o ro hitalahoa'o, ie avao ty hitoroña'o.†

9 Le nendese'e mb'e Ierosaleme mb'eo naho nampiningire'e an-dengom-pita-
lakesan' abo' i Anjomban'Añaharey vaho nanoa'e ty hoe: Naho toe Anan' Añahare
rehe, miponaha ambane ey, 10 ty amy pinatetse ty hoe:

Ho lilie'e amo Anjeli'eo rehe,
hañaro azo; 11 vaho, Ho tanatanà' iereo,
tsy ho dasirem-bato o fandia'oo.'‡

12 Tinoi' IESOÀ ty hoe: Hoe ty tsara:

Asoao tsy ho tsohe'o t'IEHOVÀ
Andrianañahare'o.§

13 Ie nagado' i mpañìnjey i fanjiziañe iaby zay, le nidisak'aze heike.

### *To Tsara e Galilia ao Mat 4.12; Mar 1.14*

14 Aa le nibalike mb'e Galilia mb'eo t'IESOÀ ami'ty haozara' i Arofoy; le niboele
tok'aia tok'aia amy tane nañohokey ty enge'e. 15 Nañoke amo fitontonañeo re le
hene nañonjoñ' aze.

### *Fañorizañe IESOÀ*

---

‡ **3:36** Nasosoke ty hoe: ana' i Kainane * **4:4** Its 8:3 † **4:8** Its 6:13, Its 10:20 ‡ **4:11** Sab 91:11,12 § **4:12** Its 6:16

16 Nimb’e Nazareta mb’eo re, i rova nahabey azey, le ami’ty lili’e, nizilik’ am-
pitontonañe ao ami’ty andro SABOTSE, vaho niongake hamaky. 17 Natolotse aze ty
boke’ Isaia mpitoky; vinela’e i bokey, vaho nioni’e ao ty nisokirañe ty hoe:
18 Amako t’i Arofo’ IEHOVÀ,
Fa noriza’e hitsey i talili-soay amo rarakeo,
Nafanto’e hikoike famotsorañe amo mpirohio,
naho fampaha-isahañe amo feio, vaho fampidadàñe amo dinemokeo,
19 hitsey ty taon-joba’ IEHOVÀ.*
20 Napele’ IESOÀ amy zao i bokey le nahere’e amy mpamandroñey le niambesatse;
vaho hene nitalatse aze ty fihaino o am-pitontonañeo.
21 Le hoe t’IESOÀ tam’ iereo: Fa nihenek’ anindroany an-dravembia’ areo i Sokitse
Masiñe zay. 22 Aa le sindre nitalily soa aze vaho nidaba amo tsara soa naakam-
palie’eo, fe hoe iareo: Tsy ana’ Iosefe v’itoio?
23 Aa le hoe re tam’iereo: Va’e hatao’ areo amako ze oha-drehake zao : O
mpanaha, afaho ty vata’o, vaho anò an-tane’o etoan-ka o raha jinanji’ay te nanoe’o
e Kapernaomy añeo. 24 Le tinovo’e ty hoe: Eka! to t’Itaroñako te tsy eo ty
mpitoky to-saontsy an-tane’e ao; 25 To ty volako ama’areo te: Maro ty vantotse e
Israele ao tañandro’ i Elia, ie nagabeñe telo taoñe tsy enem-bolañe i likerañey vaho
nandrambañe i Taney ty kerè; 26 fe leo raik’ ama’e tsy nañirahañe i Elia naho tsy
i rakemba vantotse nte Zarefata e Sidona añey. 27 Maro ka ty niazo’ ty angamàe e
Israele ao tañandro’ i Elisa mpitoky, fe tsy ama’e ty nafahañe naho tsy i Namana
nte-Sore.
28 Ie nahajanjiñe i zay o am-pitontonañeo, le fonga nilifo-kabosehañe, 29 naho
niongake nanafasiotse aze mb’ alafe’ i rovay añe, vaho nendese’ iereo mb’an-tevam-
bohi’ i rovay mb’eo hampitsirikoàk’ aze an-kereretsak’ ao, 30 f’ie nienga, niranga
iareo mb’eo.

*Nañakara’e Kokolampa Mat 4.13-14; Mar 1.21-23*

31 Nizotso mb’e Kapernaomy, rova e Galilia añe re naho nañanatse amo SABOTSEO.
32 Le nidaba iereo amy fañòha’ey amy te ninday lily o tsara’eo.
33 Teo ty lahilahy am-pitontonañe ao nangara’ ty kokolampa, nitazataza 34 ty hoe:
Hete! Ino ty itraofan-tikañe, ry IESOÀ nte Nazareta? Niavy hanjamañ’ anay v’ Iheo?
Fantako rehe; Ihe i Masin’Añaharey. 35 Trinevo’ IESOÀ ami’ty hoe: Mamantsy, iakaro!
Aa le nafetsa’ i kokolampay añivo eo re, vaho nifaok’ añe fe tsy nijoia’e. 36 Fonga
nilatsa, le hoe ty vesoveso’ iareo: Aa vaho akore i tsara zay t’ie aman-dily naho
haozarañe ro mañendake kokolampa hifaoke. 37 Le niboele nanitsike i fariparitsey
ty enge’e.

*ty Rafoza’ i Simona Mat 8.14-17; Mar 1.29-34*

38 Ie nienga i fitontonañey t’IESOÀ, le nizilik’ añ’anjomba’ i Simona ao. Nirem-
boremboe’ ty hamae-sandriñe ty rene’ i vali’ i Simonay le nihalalia’ iareo ty ama’e.
39 Aa le nijohañe ambone’e eo re nitrevoke i hasilokey, vaho nisitak’amy rekambay
zay; tsipaepae’e nitroatse re niatrake iareo.

*Nanitsike i Galilia Mat 4.23-25; 8.16, 17; Mar 1.32-39*

40 Ie nimotak’àndro, le nendeseñe ze nanañe marare nisilofe’ndra inoñ’ inoñe mb’
ama’e mb’eo, naho songa nanampeza’e fitàñe vaho nampijangañe’e. 41 Niakatse
ami’ty maro ka o kokolampao nikoiake ty hoe: Ihe i Norizañe, Anan’Añaharey! Le
nendaha’e vaho nafanto’e tsy hivolañe amy te napota’ iareo t’ie i Norizañey.
42 Ie manjirik’ andro le nienga mb’ an-tane bangìñe mb’eo fe nitsoeha’ i lahialeñey,
ie nomb’ ama’e mb’eo vaho ho nanjitse aze tsy hienga; 43 fe hoe re am’iereo: Tsy

* **4:19** Ies 61:1,2

mahay tsy mitaroñe i Talili-soam-Pifehean'Añaharey an-drova ila'e ka raho fa zay ty
nañirahañ' ahy. 44 Le nitaroñe amo fitontonañe e Galiliao re.

### *Vokatse Fiañe Mat 4.18-22; Mar 1.16-20*

## 5

1 Teo te nifanihisihy ama'e ondatio hijanjiñe ty tsaran' Añahare añ' olo' i oñe
Genesaretay* 2 le nivazoho'e ty lakañe roe añ' olon-drano ey, ie fa niakatse hanasa
harato o tompo'eo. 3 Nijoñe an-daka' i Simona ao re nihalaly te hisitake amy olotsey.
Aa le niambesatse an-dakañe ey re nañoke ondatio.
4 Ie modo i fañoha'ey, le hoe re amy Simona: Mivevea mb'an-daleke mb'eo vaho
ajoño ao o harato' areoo hanarike. 5 Le hoe ty natoi' i Simona aze: O Rañandria,
nifanehak' avao zahay aniankale le tsy nahazo leo raike; fe amo saontsi'oo, hajoko
ao i haratoy. 6 Ie nanoe' iereo zay, le nivokatse fiañe nifamorohotse nahariatañe i
harato' iareoy. 7 Aa le nitsikaore'e o rañe' iareo amy lakañe ila'e eiio hañolotse iareo;
nimb'eo iereo, le nipeapeà' iareo fiañe i lakañe roe rey, vaho ho nilempotse.
8 Ie nahaoniñe zay t'i Simona Petera, le nihotrak' am-pandia' Iesoà eo nihalaly
ty hoe: O Rañandria, misitaha amako fa ondaty bey hakeo. 9 Toe niveren-draha t'i
Simona naho o rañe'eo ami'ty hamarom-piañe niazo. 10 Nihoe zay ka t'i Jaona naho
Iakobe, ana' i Zebedio mpitrao-pitoloñe amy Simona. Hoe t'Iesoà tamy Simona: Ko
mahimahiñe fa ondaty ka ty ho tsepahe'o henane zao. 11 Ie toly an-tamboho ey i
lakañe rey, le fonga nafoe' iereo vaho nañorik' aze.

### *Nañafake Angamae Mat 8.1-4, Mar 1.40-45*

12 Ie tan-drova raike t'Iesoà, intoy ty lahilahy atseke ty angamae; ie nahaisake Iesoà,
le nihohok' an-dahara'e nitoreo ama'e ty hoe: O Rañandria naho satri'o, mahalio ahy
rehe. 13 Nahiti' Iesoà ty fità'e, nitsapa aze le nanao ty hoe: Satriko 'nio, maliova; naho
niafak' amy zao i haangamae'ey 14 vaho hinatahata'e tsy hitalily am'ondaty, am'ty
hoe: Akia miboaha amy mpisoroñey, le ibanabanào i linili' i Mosèy ami'ty fahaliova'o
ho fitaliliañe. 15 Fe àntsake te niboele ty enge'e, le niropak' ama'e i lahialeñey
hijanjiñe naho ho jangañeñe amo arete'eo. 16 F'ie nivike mb' am-babangoañe añe,
nilolo ke.

### *I Kepekey Mat 9.1-8; Mar 2.1-12*

17 Teo te niambesatse eo ty fariseo naho mpañoke Hake hirik' an-drova e Galilia
naho e Iehodà iaby naho boake Ierosaleme añe, le nao'e, vaho tama'e ty haozara' i
Talè hampijangañe.
18 Ie amy zao, nendese' ondaty an-tihy ty lahilahy kepeke, nipay ty hanjilihañe aze
ao, hampandreañe aze añatrefa'e eo. 19 Aa ie tsy naharendreke ty hampitsifirañe
aze amy lahialeñey, le nanganik' ambone' i anjombay vaho nazotso' iareo an-tihy,
boak'an-tafo mb' añatrefa' Iesoà, añivo eo i mararey. 20 Ie nioni'e ty fatokisa' iareo,
le hoe re ama'e: O koahe, afa-tahin-drehe. 21 Fe nitsakore ty hoe o mpanoki-dilio
naho o fariseoo: Ia o miterao? Ia ty mahafa-kakeo naho tsy i Andriananañahare avao?
22 Fe nifohi' Iesoà ty ereñeren-tro' iareo le tinoi'e ty hoe: Ino o fitsakorean' arofo'
areoo? 23 Ty aia ty mora, ty manao ty hoe: Afake o hakeo'oo? ke ty hoe: Miongaha,
mañaveloa? 24 Aa soa te hampahafohineñe anahareo te aman-dily an-tane atoy i
Ana' ondatiy hañaha hakeo, le hoe re amy nisilofe' i hakepehañeiy: Inao! Miongaha,
tintino o tihi'oo, akia mb' añ' akiba'o añe. 25 Aa le nitroatse añatrefa' iereo amy zao
re, nandrambe i nandrea'ey vaho nimpoly, nandrenge an' Andriananañahare. 26 Nilatsa

* 5:1 Genesareta: ndra ty hoe Galilia, oñe bey tsy ritse

iaby iereo naho nibango an’ Andrianañahare, vaho nanao ty hoe am-pañeveñañe:
Nahaoniñe raha tsitantane tika anindroany.

### *I Levy (Matio) Mat 9.9, Mar 2.13, 14*

27 Añe zay, le nienga t’Iesoà naho nahavazoho ty mpamory vili-loha atao Levy,
niambesatse am-pandroroñañe ao, le hoe re tama’e: Oriho raho. 28 Aa le nifarie’e ze
he’e naho niongake vaho nañorik’ aze.

### *Fitraofa’e ty Mpanan-tahy Mat 9.10-13; Mar 2.15-17*

29 Nanao sandalam-bey ho aze añ’ anjomba’e ao t’i Levy, le maro ty mpamory
vili-loha naho ondaty ila’e nitrao-piambesatse am’iereo. 30 Fe niñeoñeoñe amo
mpiama’eo o Fariseoo naho o mpanoki-dili’ iareoo ami’ty hoe: Ino ty itraofa’ areo
fikama naho finoñe amo mpamory vili-lohao naho amo bey hakeoo? 31 Tinoi’ Iesoà ty
hoe: Tsy o jangañeo ro mipay mpanaha fa o marareo; 32 Tsy avy hikoike o vantañeo
raho fa o mpandilatseo, hisoloho.

### *O Fililirañeo Mat 9.14, 15; Mar 2.18-20.*

33 Le hoe ty asa’iareo tama’e: Akore te mililitse naho miloloke o mpiana’ i Jaonao,
manao zay ka o amo Fariseoo, fe mitolo-pihinañe naho minoñ’ avao o Azoo? 34 Hoe ty
natoi’ Iesoà: Lefe’ areo hao ty hampililitse ty longo’ i mpañengay ie mbe am’ iereo i
mpañengay? 35 Mbe ho avy ty andro hanintahañe i mpañengay; hililitse amy andro
zay iereo.

### *Ty Hambo’e naho ty Vao Mat 9.16; Mar 2.21, 22*

36 Hoe ka ty nirazaña’e: Tsy ia ty manakeke lamba vao ami’ty tsirodea, fa ho riate’
i vaoy naho tsy hivitrañe amy tsirodeay ty tampa’ i vaoy. 37 Tsy eo ka ty hañiliñe
divay vao an-jonjon-kolitse hambo’e ao, kera ho tosire’ i divay vaoy i zonjon-kolitse
hambo’ey vaho hianto i zonjoñey. 38 Tsy mete tsy ailiñ’ an-jonjoñe vao ty divay vao.
39 Tsy eo ty minoñe amy elay ty hipay ty vao aniany; fa hoe re: I elay ro soa.†

### *Nitifo te Sabotse Mat 12.1-8; 2.23-28*

# 6

1 Ie tamy Sabotse valoha’e faharoey*, le niranga teteke naho nitifo loham-bare o
mpiama’eo naho nanosokosoke aze am-pitàñe vaho nikama. 2 Aa le hoe ty Fariseo
ila’e: Mañino nahareo ro mañota faly ami’ty Sabata?
3 Le natoi’ Iesoà ty hoe: Mbe tsy vinaki’areo hao ty nanoe’ i Davide te nisaliko—ie
naho o mindre ama’eo: 4 ie nizilik’ añ’ Anjomban’ Añahare ao nandrambe mofo-
fiatreke naho nikama vaho nandiva amo nindre ama’eo, ze faly tsy kamaeñe naho
tsy o mpisoroñeo avao. 5 Hoe re tam’iereo, Toe Talè’ o Sabatao i Ana’ondatiy.

### *Mañafake te Sabotse Mat 12.9-14; Mar 3.1-6*

6 Teo ty Sabata t’ie niheo am-pitontonañ’ ao hañoke, le inge ty lahilahy mate-
fitàn-kavana. 7 Aa le nikirok’ aze o mpanoki-dilio naho o Fariseoo ke hañafak’
amy Sabotsey, ho talin-kitombok’ aze. 8 Fe niarofoana’ Iesoà ty fitsakorea’ iareo,
le hoe re am’ indaty mate-fitañey: Miongaha, mijohaña añivo etoa. Niongake re
naho nijohañe. 9 Le hoe t’Iesoà tam’ iereo: Inao ty ontaneko: ty fanoan-tsoa† hao ke
ty fanoan-draty ro mete ami’ty Sabata; ty handrombahañ’ aiñe, he ty hañohofan-
doza? 10 Jinilojilo’e iaby, le hoe re am’ indatiy: Ahitio o fità’oo. Nahiti’e le nijangañe
amy zao i fità’ey. 11 Aa le niloroloro iereo, nikilily hañoho-doza amy Iesoà.

† **5:39** Irm 6:16; Mar 7:7-13 * **6:1** mamototse an-tSaramañits’ indraik’ i firimboñam-pisoroñe 24 mpifandimbe
rey. (Fi I 24) † **6:9** Its 5:15

### *I Firàheñe Rey Mar 3.13-19*

12 Tamy andro zay, nomb' ambohitse mb'eo t'Iesoà nitalaho, le nitolom-pilolok'
aman'Añahare ampara' te niporea' ty maraindray. 13 Ie terak' andro, le kinanji'e o
mpiama'eo vaho nijoboñe ty folo ro'amby ze nanoe'e ty hoe: Firàheñe: 14 i Simona
ze natovo'e ty hoe Petera, naho i Andrea rahalahi'e, Iakobe naho i Jaona; i Filipo
naho i Bartolomeo, 15 i Matio naho i Tomasy; Iakobe ana' i Alfeo; naho i Simona
natao Zelota, 16 i Jodasy ana' Iakobe vaho i Jodasy nte-K'riote nifotetse azey.
17 Nindre nizotso am'iereo t'Iesoà, le nijohañe an-tane mira amo mpiama'e
nivorigidiñeo, le nimb'eo ka ty lahialeñe hirike e Iehodà naho e Ierosaleme naho
o rova añ'olon-dria' i Tiro naho i Sidona añeo, 18 songa pok'eo hijanjiñe aze naho ho
janganeñe amo areteñeo vaho nafaha'e o vinolevolem-pañahy maleotseo. 19 Fonga
te hitsapa aze i màroy, amy te nitolom-piboak' ama'e ty haozarañe nampijangañe ie
iaby.

### *Ty Fitatañe Mat 5.1-12*

20 Nampiandra fihaino amo mpiama'eo t'Iesoà le nanao ty hoe:
Haha nahareo rarakeo Fa anahareo i Fifehean'Añaharey
21 Haha o limpoañe henanekeo
fa hanjañeñe.
Haha o mirovetse henanekeo
fa hiankahake.
22 Haha nahareo, naho heje'ondaty, naho aitoa'e, naho onjire'e,
vaho homosokoso'e o tahina' areoo
ty amy Ana'ondatiy.
23 Mirebeha amy andro zay, vaho mivoàña an-kaehake! Inao jabajaba o tambe'areo
andindìñeo; manahake zay ka ty nanoan-droae'iareo amo mpitokio.
24 Hankàñe ama'areo mpañalealeo!
fa niazo'areo ty fañohòañe.
25 Hankàñe amo anjañe henanekeo!
fa ho saliko.
Hankàñe amo mpiankahake
henanekeo,
fa hirovetse naho handala.
26 Hankàñe ama'areo naho tsiririe'ondaty,
Amy t'ie ty nanoen-droae' iareo amo nieva ho mpitokio.

### *Lily Nivaoe'e Avo 23.4; Mat 5.39-48; 7.1, 2, 12*

27 Hoe ka raho amo mahajanjiñeo: Kokò o rafelahi' areoo; hasoào o malaiñe
anahareoo. 28 Tatao ze mamatse anahareo le mihalalia ho a o mijoy anahareoo.
29 Ie manampify azo ami'ty fiambina'o t'indaty, atoloro ama'e ka ty haila'e; ie
gaoñe'e ty saravi'o, ko tambozoreñ' ama'e ty saro'o. 30 Meo ze mihalaly ama'o; le
ko ampipolieñe ty rinambe'e ama'o. 31 Ty tea'areo hanoe' ondaty ama'areo, anò
am'iareo ka.
32 Naho ze mpikoko anahareo avao ty ikokoa'areo, Ino ty ho tambe' areo? Fa tea'
ty mpanan-kakeo ka ty te aze. 33 Aa naho ze mañasoa anahareo avao ro añasoañe,
Ino ty ho tambe' areo? Amy te manao zay ka ty bey hakeo. 34 Naho mampisongo
amy ze tamae' areo hahavake avao, ino ty ho tambe'areo? Fa mampisongo amo bey
hakeoo o mpanan-kakeoo, hañavaha'iareo mira. 35 Fe kokò ty rafelahi' areo, hasoao,
ampisongò, le ko mitamà avake naho ho ra'elahy ty tambe' areo, vaho ho ana' i
Andindimoneñey, ie matarik' amo tsivokatseo naho amo tsereheñeo. 36 Mitretreza
manahake ty fiferenaiñan-dRae' areo. 37 Ko manìñe, le tsy ho tiñeañe. Ko mamàtse

le tsy hafàtse. Mihevea le hiheveañe. 38 Mañomea le ho meañe; ho tolorañe am-
pañaranañe pea, nikobakobaheñe naho nihotsokotsòfeñe vaho mipopoke; ami'ty
fañaranañe añarana' areo ro añaranañe ama'areo.

### *Ty Goa miaolo Fey Mat 7.3-5; 16-18*

39 Tinovo' IESOÀ ami'ty ohatse toy: Mahay miaolo ty goa hao ty fey? Tsy sindre
higodoñe an-kadaha ao v'iereon-droroe? 40 Tsy ambone' ty mpiana'e hao ty talè? fe
ze añoñe ro hanahake an-talè'e.
41 Aa vaho ino ty angarefa'o ty alìfe am-pihainon-drahalahi'o ao, fe tsy isa'o ty
varamba am-pihaino'o ao? 42 Akore ty anoa'o aman-drahalahi'o ty hoe: O koahe
hafàhako o alìfe am-pihaino'oo. Fe tsy oni'o i varamba am-pihaino'oy? Soamiatreke!
Ahifiho añe hey ty varamba am-pihaino'o ao hahafibiribira'o ty hañafake i alìfe am-
pihainon-drahalahi'oy.

### *O Voa'eo*

43 Tsy mamoa voa raty ty hatae soa vaho tsy mamoa soa ty hatae raty. 44 Sindre
rendrek' ami'ty voa'e ty hatae; tsy hampipotorañe voan-tsakoa ty fatike, ndra
filomboke ty lombiry. 45 Mañakatse ty soa ami'ty fañajàm-bara an-tro'e ao t'indaty
soa vaho aboa' i lo-tserekey am-pañajam-bara an-tro'e ao ty hativàñe; fa ty haliforañ'
arofo ro fisaontsiam-palie.

### *ty Fahañe Roe Mat 7.24-27*

46 Ino ty tokava' areo ahy Talè, Talè; fe tsy manao ze itaroñako? 47 Ze mb' amako,
naho mijanjiñe o volakoo, vaho anoe'e, le itoroako ty ihambaña'e: 48 Manahake
t'indaty nañoreñ' anjomba re; nihaly laleke vaho naore'e an-damilamy eo o faha'eo.
Ie nisorotombaheñe le naronje' i rano-vohitsey mafe i anjombay, f"ie tsy naha-
ozoñozoñ' aze, kanao nioreñe am-bato. 49 Ty mijanjiñe tsy manao, ro sarèñe amy
t'indaty nañoren-traño am-paseñe tsy amam-pahañe; tinorotosi' i rano vohitsey; le
niforetrake, vaho bey-fianto' i trañoy.

### *ty Mpitoro' i Mpifehey Mat 8.5-13*

# 7

1 Ie nifonitse i nilañone'e añatrefa' i màroy le niheo mbe Kapernaomy mb'eo,
2 le teo ty mpitorom-pifehen-dahin-defon-jato nisoheñe, narare, toe heta'e. 3 Ie
nijanjiñe'e IESOÀ, le nirahe'e homb' ama'e ty androanavi' o Jiosio hihalaly ama'e ty
homb'eo hampijangañe i mpitoro'ey. 4 Aa ie nifanampe amy IESOÀ, le nimanea' iareo
toreo ami'ty hoe: Evae'e te hanoe'o, 5 amy t'ie mpitea ty tanen-tika naho namboatse
anjombam-pitontoñañe. 6 Aa le niongake vaho nindre lia am'iereo t'IESOÀ. Ie narine
i anjombay, le nampanalakà' i mpifelekey aze o rañe'eo hinday o entañe zao: O
Rañandria, ko mañolañ' ay fa tsy sazò ahy te ihe hiheo ambane' ty tafo-trañoko.
7 Mbore ataoko tsy mañeva azo te zaho ro homb' ama'o, fe mitsarà le ho jangañe i
mpitorokoy. 8 Zaho ka fehèn-dily vaho mamehe lahindefoñe. Ie ataoko Akia ty raike
le mandeha, naho ami'ty raike: Mb'etoa, le avy, vaho amy mpitorokoy: Anò zao, le
anoe'e. 9 Ie jinanji' IESOÀ, le nilatsa, naho nitolike, nanao ty hoe am' ondaty nañorik'
azeo: Itaroñako te mbe lia tsy nahatrea fatokisam-bey hoe zay ndra e Israele atoy!
10 Ie pok' añ' anjomba ao o nafanto'eo, le nizoe' iereo jangañe i mpitoroñe natindriy.

### *Ty Bako-Toka' i Vantotse nte-Nàinay*

11 Ie amy loak'androy, nigodañe mb' an-drova atao Naina mb'eo t'IESOÀ; le nañorik'
aze ty maro amo mpiama'eo naho i lahialeñey. 12 Ie nitotoke i lalambein-drovay, intoy
ty takon-dolo boak'ao, ty ana-dahy bako tokan-drene'e, vantotse; le nañorik' aze ty
valobohòke boak' an-drova ao. 13 Ie nivazoho' i Talè i rakembay le niferenaiña'e naho

nanoe'e ty hoe: Ko mirovetse! 14 Nimb'eo re nitsapa i horantsañey vaho nitsangañe
o mpitakoñeo le hoe re: O kirahe, hoe raho ama'o: Mivañòna! 15 Nitroatse amy zao
i nivetrakey naho nisaontsy vaho natolo'e aman-drene'e.
16 Hene niazo' ty anifañe ondatio le nañomey engeñe an' Andriananañahare ami'ty
hoe: Mpitoky ra'elahy ty nitroatse amantika*; vaho ty hoe: Nitilike ondati'eo t'i
Andriananañahare. 17 Nanitsike Iehodà naho o rova mañohok' aze iabio ty fiboelea' i
talily ty ama'ey.

### *Ty Ontane' i Jaona Mat 11.2-6*

18 Natalili' o mpiana' i Jaonao ama'e i hene rezay. 19 Aa le kinanji' i Jaona ty
mpiana'e roe le nampihitrife'e mb'amy Talè mb'eo hañontane aze ty hoe: Ihe hao
i ho aviy, ke hafa ty ho tamàe'ay? 20 Ie nivotraha' indaty rey le hoe ty asa' iareo:
Nirahe' i Jaona Mpandipotse mb'ama'o mb'etoan-jahay hañontàne ty hoe: Ihe hao i
Ho aviy, kera mbe añe i tamaen-tikañey?
21 Amy oray avao ty nañafaha'e ondaty maro amo areteñeo naho amo hasilofañeo
naho amo anga-dratio vaho nampañisake ty goa maro. 22 Le hoe ty natoi' Iesoà:
Akia, atalilio amy Jaona o raha niisa'areo naho nijanjiñeñeo; te mahaoniñe o feio,
minokitse o komboo, malio o angamaeo, mijanjiñe o giñeo, miheren-ko veloñe o
vilasio vaho taroñeñe amo rarakeo i Talili-soay. 23 Haha ze tsy mitorifike amako.

### *Mitsiriry i Jaona t'Iesoà Mat 11.7-15*

24 Ie niavotse i mpiana' i Jaona rey, le nitalily i Jaona amy lahialeñey t'Iesoà, ami'ty
hoe: Hisamba inoñe ty lia'areo mb'am-babangoañe añe? Ty Bararata atroetroen-
tioke hao? 25 ke ino ty niakara' areo ho isaheñe? Ondaty misikin-tsoa hao? Toe añ'
anjombam-pifehe ao o mpisaroñe lamba marerarerao naho o miaiñ' añolèñañeo;
26 he ino ty niavota' areo ho sambaeñe? Mpitoky hao? Eka! hoe raho ama'areo :
lombolombom-pitoky re. 27 Ie nipatereñe ty hoe:
Ingo, iraheko aolon-dahara'o eo
ty hañajary ty lala'o aolo'o.
28 Aa hoe ty entako ama'areo: Amy ze sinaman-droakemba tsy teo ty mpitoky bey te
amy Jaona Mpandipotse; fe jabajaba te ama'e ze minjilìte'e amy Fifehean'Añaharey.
29 Ondaty nahajanjiñeo naho o mpamory vili-lohao, songa nañomey to an' Andri-
anañahare, amy t'ie niliporeñe ami'ty filipora' i Jaona, 30 fe nifarie'o Fariseoo naho
o mpanoki-dilio ty nisafirien' Añahare ho a iareo amy t'ie tsy nimete nilipotse ama'e.

### *o Tarira'eo*

31 Inoñe arè ty handrazañako ondati' ty tariratse toio, isareañe ami'ty ino? 32 Ie
hambañe ami'ty ajaja mitobok' an-tsena ao mifampikoike ty hoe:
fa nitiofa'ay soly fe tsy nitsinjaha'areo;
nibekoa'ay fandalañe, fe tsy niroveta'areo.
33 Aa ie niloneake t'i Jaona Mpandipotse, tsy nikama mofo, tsy ninon-divay le hoe
ty asa' areo: Aman-kokolampa re. 34 Ie nivotrake eo ka i Ana' ondatiy mihinañe naho
minoñe, le hoe ka nahareo: Hehe! milonja naho migenoke divay ty rañem-pamory
vili-loha naho bey hakeo tia. 35 Fe mahazo to amo ana'eo ty hihitse.

### *Ty Nañosorañe o Fandia'eo*

36 Ie amy zay, nañambara Iesoà ty Fariseo hitrao-pikama. Aa le niheo
mb'añ'anjomba'e ao re, niambesatse. 37 Le teo ty ampela beihakeo an-drova ao, ie
naharendreke t'ie nandrenàndre nikama añ'anjomba' i Fariseoy, le nandesa'e solike
mañitse ami'ty anan-tsinihara. 38 Nijohañe amboho'e eo re nirovetse am-pandia'e,
nandè o fandia'eo an-dranomaso'e naho nifòra'e amo volo'eo; le nitolom-pañoroke

* **7:16** Its 18:15

o fandia'eo vaho nihosora'e solike mañitse. [39] Ie nioni' i fariseo nañambara aze le
hoe ty tsakore'e: Naho toe nimpitoky ondatio, le ho nifohi'e te ia zay naho ty sata' o
ampela mitsapatsapa azeo; t'ie bei-hakeo.

### *Ty Mpisongo Roe*

[40] Aa le natoi' IESOÀ ty hoe: O Simona, Inao ty ivolañako. Le hoe re: Isaontsio, Talè.
[41] Teo ty mpampisongo amam-pisongo roe. Ty raike nitsepake bogady liman-jato,
ty raike limam-polo. [42] Aa kanao tsy eo ty hahavaha' iareo, sindre nihevea'e. Toiño
raho, ia am' iereo ty ho lako fitea aze? [43] Hoe ty natoi' i Simona: Va'e i nihevea'e
beiy. Hoe t'IESOÀ tama'e: To i saontsi'oy.
[44] Nitolik' amy ampelay re le nisaontsy amy Simona ty hoe: Hehek' o rakembao?
Nizilik' añ' anjomba'o atoan-draho le tsy nanjotsoa'o rano hanasàko tomboke, fe
o rano-pihaino'eo ro nanasa o tombokoo vaho namaoke aze o maroi'eo. [45] Tsy
nondrohe'o; fe boak' ami'ty nimoahako atoañe le lia'e tsy napo'e ty oroke o
tombokoo. [46] Tsy nañiliña'o menake ty lohako, fe hinoso' ty rakemba tia solike
mañitse o tombokoo. [47] Aa hoe ty taroko ama'o, O tahi'e nimaroo, fonga nimeatse,
amy t'ie bey fikokoañe. Aa ze niheveañe kede, kede ka ty fitea'e. [48] Le hoe
re tamy rakembay: Hene nilioveñe o hakeo'oo. [49] Aa hoe ty fiñeoñeo' o nitrao-
pikama ama'eo: Ia ka ty mbore mañaha hakeo tia? [50] Hoe t'IESOÀ tamy ampelay:
Nandrombak' azo ty fatokisa'o; akia an-kanintsiñe.

# 8

### *O Roakemba Mpiatrakeo*

[1] Ie añe, le nitsitsihe' IESOÀ ze tanañe naho rova, nitaroñe naho ninday ty talili-
soa' i Fifehean' Añaharey. Nindre ama'e i folo ro' amby rey [2] naho o rakemba ila'e
nafahañe kokolampa naho hasilofañeo—toe i Marie atao Magdalenae, i nitsamoahan-
kokolampa fitoy, [3] naho i Johanae vali' i Kozae, mpamandro' i Heroda, naho i Sosanae
vaho ty maro ila'e mpiatrak' aze am-panaña' iareo.

### *Ty Karazan-Tane Mat 13.1-23; Mar 4.1-25*

[4] Ie nifanontoñe i lahialeñey naho nikovovòke mb'ama'e o boak' amo rovao, le
hoe ty nandrazaña'e: [5] Niavotse handrarake tabiry ty mpambole, nafitse'e i doriay,
le nipok' añ'olon-dalañe eo ty ila'e fe nandialiañe vaho nitsimok' aze o voron-
dikerañeo. [6] Ty ila'e nipok' an-damilamy eo, ie vaho nitiry le niheatse amy te tsy ni-
lèñe. [7] Nipok' am-po fatik' ao ka ty ila'e naho nitrao-fitiry amo fatikeo fe nidageañe.
[8] Nipok' an-tane hoba ka ty ila'e, le nitiry vaho namoa in-jato. Ie tsinara'e zay, le
nipoñafa'e ty hoe: Ze aman-dravembia hijanjiñe, Mijanjiña !
[9] Aa le nañontanea' o mpiama'eo: Akore i ohatse zay. [10] Hoe re: Toe natolotse
anahareo ty haharendreke o raha mietak' amy Fifehean' Añahareio; f'ie razañeñe
amo ila'eo, soa te
ndra miisake iereo tsy hahavazoho,
ndra mijanjiñe, tsy hahafohiñe.*
[11] Inao koahe ty ampibejañañe i ohatsey: Tsaran'Añahare i tabiriy. [12] O añ' olon-
dalañeo le o nahajanjiñeo; fe mivotrake eo i mpañìnjey manintake i tsaray añ'arofo'
iareo tsy mone hiantoke vaho ho rombaheñe. [13] O an-damilamio, le o mahajanjiñe
naho mandrambe i tsaray an-kafaleañeo, f'ie tsy amam-bahatse, miantok' aniany
avao vaho misitak' an-tsam-panjiziañe. [14] O tabiry nipok' amo fatikeoo, le ty
mahajanjiñe, fa ie mionjon-dre ro dageañe' o halonjerañeo naho o varao naho o
hafalean-kaveloñe atoio vaho tsy mahavañom-boa. [15] O an-tane soao ka, le o añ'

* **8:10** Ies 6:9

arofo vaño naho vantañeo, ie mijanjiñe o tsarao le tambozore'e vaho mahavañomboa am-pahaliñisañe.

### *Ty Jiro-Kapoake Mar 4.21-25*

16 Tsy eo ty mamelon-jiro vaho mampikapek' aze am-panake ndra mampizilik' aze ambane fandreañe ao; fe apo'e ambone' ty fasian-jiro ey ho isa' ze mimoak' ao i
hazavàñey. 17 Toe tsy ao ty mihaja ze tsy haakatse, naho ty mikopoke ze tsy ho
rendreke vaho haboake. 18 Ambeno arè ty fijanjiña'areo, fa ze manañe ho toloreñe fe rambeseñe amo tsy manañeo o ihaboha'eo.

### *Ty Toe Longo'e Mat 12.46-50; Mar 3.31-35*

19 Le niheo mb'ama'e ty rene'e naho o rahalahi'eo, fe tsy nahafitotok' aze amy
te nialin-drètse. 20 Le hoe ty nanohinañ' aze: Mijohañe alafe'e ao i rene'o naho
o roahalahi'oo mipay hahaoniñe Azo. 21 Tinoi'e ty hoe: Heheke ty reneko naho o rahalahikoo, o mijanjiñe ty tsaran' Añahare vaho mañorik' azeo.

### *Nipendreñe ty Tioby Mat 8.23-27; Mar 4.35-41*

22 Teo ty andro t'ie nijon-dakañe mindre amo mpiama'eo le nanoa'e ty hoe: Antao
hitsake mb'andafe' o riakeo eñe, le nimb'eo iereo. 23 Ie niondrañe mb'eo le ginaondrotse, naho nizotso amy oñey ty tio-baratse ho nandipotse iereo vaho didý tsy
nivarata. 24 Niheo mb' ama'e iereo nampitsekak' aze ami'ty hoe: O Talè, Talè, mate zahay! Nitroatse re nitrevoke i tiokey naho ty fitabohaza' i riakey, le nijihetse vaho
nipendreñe. 25 Le hoe re tam' iereo: Aia ty fatokisa' areo? Nianifañe iereo naho nañeveñe, le nifanao ty hoe: Ia itoio, kanao aman-dily hampivohore'e o tiokeo naho o ranoo!

### *Angatse nitsamoak'an-Dambo Mat 8.28-34; Mar 5.1-20*

26 Nitoly an-tane Gerasenay tandrife' i Galilia eñe iereo. 27 Ie nizotso an-tamboho eo, le nisalakae' t'indaty hirik' an-drova ao niazo' ty kokolampa, tsy nisafotse
hatrela'e, mbore tsy nitobok' an-traño fa an-donak' ey avao. 28 Ie nahaisake Iesoà, le nikoaikoaike naho nibabok' aolo'e eo nitazataza ty hoe: Ino ty itraofako ama'o r'Iesoà
Anan' Añahare Andindimoneñe? Mihalaly ama'o: ko ampisoañe'o. 29 Foto'e, linili'
Iesoà o kokolampao ty hiakatse am'indatiy; fa beteke nifihiñe'e—ie nitambozoreñe naho nirohizen-tsilisily naho labaro fe rinafadrafa'e o vahotseo, vaho nasiotsio' o kokolampao mb'am-babangoañ' añe.
30 Le hoe ty nañontanea' Iesoà: Ia ty añara'o? Tozantoza; hoe re, amy te
nitsamoahan' angatse maro. 31 Nihalalia' iareo te tsy ho lilie'e hijoroboñe an-
tsikeokeok' ao. 32 Nandrazeñe ambone vohitse ey ty lambo maro troke raike. Aa
le hinalali' iereo te hado'e himoak' am' iareo ao. Le napo'e. 33 Aa le nifaok' amy lahilahiy o kokolampao naho nitsamoak' amo lamboo. Le nivongaritse mb'amy
hereretsakey naho nijoroboñe an-drano ao i troke raikey vaho niopo. 34 Ie nitrea' o mpiarakeo le nibijo' ty lay mb' an-drova mb'eo naho mb' an-kalok' añe, nitalily.
35 Aa le nangovovòke mb'eo o hioniñe i nanoeñeio, nivotrak' amy Iesoà eo, naho nitendreke indaty niakara' o kokolampaoy, ie niambesatse am-pandia' Iesoà eo
nisafonoke naho vory hilala, nampañeveñe iereo. 36 Natalili' o naharendrekeo ty
namotsorañe i niazon-kokolampay. 37 Aa le nihalalie' o valobohòke an-tane' Gerasena iabio t'Iesoà ty hisitake, amy t'ie niazo' ty anifañe. Aa le nijon-dakan-dRe, nimpoly.
38 Nihalaly te ho mpiama'e indaty niakara' o kokolampaoy, fe hoe ty nañitrifa'
Iesoà aze: 39 Mimpolia mb' añ' akiba'o mb'eo vaho atalilio o raha ra'elahy nanoen' Añahareo. Niavotse re nanitsike i rovay nitalily i raha fanjàka nanoa' Iesoà rezay.

### *Ty Rakemba Nijangañe Mat 9.18-22; Mar 5.21-34*

[40] Ie toly eñe t'IESOÀ, le rinambe' i lahialeñey soa, fa songa nandiñe aze.
[41] Niheo mb'eo amy zao ty androanavy atao Jairo, beim-pitontonañe, nihotrak' ampandia' IESOÀ eo nihalaly aze hihova mb'añ' anjomba'e ao [42] fa heta'e i anak' ampela toka'e miha folo taoñe ro' amby zay.
Aa ie nionjom-b'eo, nitamboemboeñe ama'e i lahialeñey; [43] teo ty rakemba niazo' ty retsilà folo taoñe ro'amby, le fonga naleta'e amo mpanahao ze fiveloma'e, fe tsy teo ty nahafake. [44] Nimb' amboho'e ao re nitsapa ty lifin-damba'e†, vaho nitsintañe amy zao i lio-lava'ey. [45] Le hoe t'IESOÀ: Ia ty nitsapa ahy? Songa nandietse vaho hoe t'i Petera naho o mpiama'eo: O Rañandria, miharombontake naho mañifitse azo i lahialeñey. [46] Le hoe t'IESOÀ: Ao ty nipaok' ahy; apotako te niakaran-kaozarañe.
[47] Aa ie nirendre' i rakembay te tsy lefe ty fietaha'e, le nivorombeloñe, fe niheova'e nihohok' am-pandia'eo nitalily añatrefa' ze hene' ondaty ty foto' i nitsapa'e azey naho t'ie nijangañe ami'ty manao zao. [48] Aa hoe t'IESOÀ tama'e: O anake, o fatokisa'oo ro nahajangañ' azo; akia, manintsiña.

*ty Anak'Ampela' i Jairo*

[49] Ie mbe nisaontsy t'IESOÀ le pok'eo ty hirik' amy beim-pitontonañey añe nanao ama'e ty hoe: Fa simba i anak' ampela'oy; ko olañe'o ka t'i Talè. [50] Ie jinanji' IESOÀ, le hoe ty natoi'e: Ko hembañe, matokisa avao, le ho jangañen-dre. [51] Ie tsatok' añ' anjomba'e ao, tsy napo'e hizilik' ao naho tsy i Petera naho i Jaona naho Iakobe vaho ty rae naho i rene' i ajajampelay. [52] Hene nirovetse naho nandala aze ondatio, fa hoe re tama'e: Ko mirovetse, tsy simba re fa miroro. [53] Aa le nonjira' iareo an-kehe kanao nioniñe t'ie simba. [54] Fonga nakare'e, le rinambe'e ty taña' i ajajampelay vaho nikanjia'e ami'ty hoe: O ajajampelao, Mitroara. [55] Nibalike ty fiai'e le nitroatse amy zao, vaho nampamahana'e. [56] Nilatsa o roae'eo, fe nafantopanto'e tsy hitalily ndra ama' iaia i nanoeñey.

*Nahitri'e i Folo-Roe'Amby rey Mat 10.1-14; 14.1-14; Mar 6.6-16, 30-34*

# 9

[1] Kinanji'e hirimboñe eo i folo ro' amby rey, le tinolo'e haozarañe naho lily handroake ze atao kokolampa naho hañaha ze hasilofañe; [2] le nirahe'e hitaroñe i Fifehean' Añaharey vaho hampijangañe o marareo. [3] Hoe re am' iareo: Ko minday inoñ' inoñe ami'ty lia'areo, ndra kobaiñe ndra kotrañe ndra vaty ndra drala vaho ko minday saron-droe. [4] Mañialoa amy ze anjomba iziliha' areo le hirik'ao ka ro hienga.
[5] Naho tsy mampiantraño anahareo ty ao, le ie miakatse i rovay, ahintsankintsaño ty lembok' am-pandia'areo hanjehazehàñe iareo.
[6] Aa le niavotse iereo nanitsike rova, nitsey i talili-soay vaho nampijangañe tok'aia tok'aia.
[7] Ie jinanji' i Heroda mpizaka o nanoe'e iabio, le nitsimboetse, fa inao nitroatse t'i Jaona, [8] hoe ka ty ila'e te, i Elia ty niboake; ty ila'e ka nanao ty hoe: raik' amo mpitoky haehaeo ro niheren-ko veloñe. [9] Fa hoe ka t'i Heroda: Nampikitsìheko ty loha' i Jaona, aa ia arè i andrendrehañ' ahy te manao i raha rezay? le nipay ty hahaoniñe aze.
[10] Ie nimpoly i Firàheñe rey le nitalilia' iareo ze hene nanoeñe, vaho natola'e mb'am-patrambei' i rova atao Betsaida ao. [11] Aa ie nifohi' i lahialeñey le norihe'iereo, fe rinambe'e soa naho nitaroñe i Fifehean' Añaharey vaho hene jinanga'e ze nitaha.

*Ty Lime Arivo Lahy Mat 14.15-21; Mar 6.35-44; Jao 6.1-14*

[12] Ie niròñe i àndroy, niheo mb' ama'e i folo ro'amby rey, nanao ty hoe: Ampiavoto o lahialeñeo homb' amo rovao naho mb' am-pariparitse atoy hañialo naho hivaty;

† **8:44** Vol 15:37; Mal 4:2

fa loho an-kazihazin-tane atoy tika. [13] Hoe ty natoi’e: Anjotsò hikama’e. Natoi’ iereo
ty hoe: Tsy ama’e zahay naho tsy mofo lime vaho fiañe roe, naho tsy hiavotse
hey hivily mahakama ho a ondaty iabio. [14] Va’e lime arivo ty lahilahy teo. Aa
hoe re amo mpiama’eo: Ampiambesaro kilimampolo. [15] Nanoe’ iareo, vaho songa
nampiambesareñe. [16] Rinambe’ IESOÀ i mofo lime rey naho i fiañe roe rey le niandra
mb’ andikerañe ey naho nañandriañe, le finola’e vaho natolo’e amo mpiama’eo
hazotso amy lahialeñey. [17] Nikama iereo le sindre nianjañe vaho natontoñe an-
karoñe folo ro’amby ze sisa nifitafita.

### *Nitalily ty Hatò Mat 16.13-21; Mar 8.27-31*

[18] Teo t’ie nilolok’ am-bangiñe ao rekets’ o mpiama’eo le nañontanea’e ty hoe:
Atao’ ondatio ho ia v’o ahoo? [19] Tinoi’ iereo ty hoe: I Jaona Mpandipotse, fa ty ila’e
ka manao ty hoe, i Elia, vaho ty ila’e te niheren-ko veloñe ty mpitoky haehae. [20] Hoe
re: Aa inahareo? Atao’ areo ho ia raho? Tinoi’ i Petera ty hoe: I Norizan’ Añaharey.
[21] Hinatahata’e t’ie tsy hivolañe am’ ondaty, [22] le hoe re: Tsy mahay tsy hanilofeñe
raha maro i Ana’ ondatiy, le harinjèñe’ o roandriañeo naho o mpisorom-beio naho
o mpanoki-dilio vaho ho vonoeñe, fe hampitroareñe ami’ty andro fahatelo.

### *Ty Mahamokotse Mat 16.24-27; Mar 9.34-38*

[23] Aa le hoe re tam’ iereo iaby: Naho eo ty te hanonjohy ahy, soa re te hihirim-
beloñe naho hitarazo ty hatae ajale’e lomoñandro vaho hañorik’ ahy, [24] fa ndra iaia
ro te handrombak’ ay ro hahamotso aze, le ndra iaia ty mamoe arofo ty amako, ho
rombaheñe. [25] Ino ty tombo’e ho a t’indaty te fonga azo’e ty voatse toy, fe, ke t’ie
motso, he haitoañe. [26] Aa ndra iaia ty ho meñatse ahy ndra amo entakoo, ty ho
meñare’ i Ana’ ondatiy t’ie mitotsak’ ami’ty enge’e naho ty an-dRae’e vaho ty amo
Anjely masiñeo. [27] Eka! to t’itaroñako te, amo mijohañe etoañeo ty tsy ho lian-
kavilasy ampara’ te oni’e i Fifehean’Añaharey.

### *Ty Niovà’ IESOÀ Mat 16.28-17.9; Mar 9.1-9; 2 Pet 1.17, 18*

[28] Ie modo ty valo andro te nitsara izay, le nampindreze’e ama’e t’i Petera naho
i Jaona naho Iakobe vaho nitroa-bohitse hitalaho. [29] Ie nilolohe le niova ty vinta’e
naho nihafoty nitsipelatsipelatse ty sarimbo’e. [30] Le heheke, te nifanaontsy ama’e ty
androanavy roe, i Mosè naho i Elia, [31] niboak’ am-bolonahetse vaho nisaontsieñe i
fivetrahañe ho henefa’e e Ierosaleme añey. [32] Fe nikonkòñe te hirotse t’i Petera naho
i rañe’e rey, f’ie nañente le nahaoniñe ty enge’e naho i roe-lahy niharo fijohañe
ama’e rey.
[33] Ie nienga’ aze iereo le hoe t’i Petera ama’e : O Rañandria, soa ‘nio te etoan-
tikañe; angao hañoreñe kijà telo: Ty ho Azo naho ty ho a i Mosè vaho ty ho a i Elia,
fa tsy napota’e i linaño’e. [34] Aa ie mbe nisaontsy, teo ty rahoñe niforoñe nandron-
goñe iareo, naharevendreveñe te nisafora’ i rahoñey. [35] Hirik’amy rahoñey amy
zao ty fiarañanañañe nanao ty hoe: Anako kokoako toy. Ijanjiño! [36] Ie nianjiñe
i fiarañanañañey, le IESOÀ avao ty nizoeñe eo. Aa le nidìñe iereo tsy nahabeok’
am’ondaty amy andro rezay ndra inoñe amy nioni’ iareo rezay.

### *Ty Ajalahy Nangarañe Mat 17.14-18; Mar 9.14-27*

[37] Amy loakandroy, ie nizotso i vohitsey le nifanalaka ami’ty lahialeñe. [38] Le hoe ty
napazapaza’ t’indaty boak’ amy lahialeñey ao: O Rañandria, mitoreo ama’o vazohò
ty anako bako-tokañe toy. [39] Inao! ie azin-draha le mikoriak’ amy zao; avokovoko’e
an-tsintosintoñe reke-bore; le fiain-drifi’e te ifaoha’e, toe joie’e. [40] Aa le nihalalieko
o mpiama’oo ty handroak’ aze fe tsy nilefe.
[41] Hoe ty natoi’ IESOÀ: Ty tariratse tsy mañaoñe naho mitangingìñe toy, ombiam-
bao ty mbe hitraofako naho hifeahako? Endeso mb’etoa i ana’oy. [42] Ie niharine mb’eo

i ajajay le nigore’ i kokolampay naho sinintotsinto’e. Trinevo’ Iesoà i anga-maleotsey
le nihaha’e i ajalahiy vaho nahere’e aman-drae’e. 43 Aa le hene nivereñe ty amy hara’
elahin-kaozaran’ Añaharey.

### *Mitoky Havilasy Mat 17.22-23; Mar 9.30-32*

Ie mbe nilatsa amy ze hene fanoe’ Iesoà, le hoe re amo mpiama’eo: 44 Ajoño
an-dravembia ao o tsara zao, te hafotetse am-pità’ ondaty i Ana’ ondatiy; 45 Fe
namoea’ iereo i saontsiy, amy te nampietahañe, tsy ho rendreke, le nihembañe tsy
te hañontane aze ty amy tsaraeñey.

### *Ty ho Ra’elahy Mat 18.1-5; Mar 9.33-40*

46 Le nitsakoreñe am ‘iereo ao te ia ty zoke’e. 47 Niarofoana’ Iesoà i fivetsevetsen-
tro’ iareoy le nandrambe ajaja naho navotra’e añ’ila’e eo, 48 le hoe re am’ iereo:
Ndra iaia mandrambe ty ajaja toy ami’ty añarako ro mandrambe ahiko, vaho ndra
iaia mampihova ahy ro mampihova i nañirak’ ahiy; aa le ty tsitso’areo ty ho zoke.
49 Hoe ty natoi’ i Jaona, O Rañandria, nitrea’ay ty nandroake kokolampa amy
tahina’oy le nendaha’ay amy te tsy mpitrao-pañorik’ ama’ay. 50 Hoe t’Iesoà tama’e:
Ko sebaña’o, fa ze tsy mandietse antika ro mone mañimba.

### *Nañarinjeñe Iesoà t’i Samaria*

51 Ie an-titotse ty andro hañonjonañe aze le nionjoñe mb’ Ierosaleme mb’eo 52 naho
nañitrike ty hiaolo aze, vaho nimoak’ ami’ty rova e Samaria ao iereo hañalankañe
ho aze. 53 Fe tsy nampihovaeñe, amy t’ie nitolin-daharañe mb’e Ierosaleme.
54 Aa ie nioni’ Iakobe naho i Jaona, mpiama’e rey, le hoe iareo: O Rañandria, satri’o
hao te handilia’ay afo boak’ andindìñe añe hidoiñe ey hampangotomomoke iareo?
55 Tinoli’e iereo le nitrevoha’e * 56 vaho nionjomb’ an-tanañe ila’e mb’eo.

### *Ty maha Firàheñe Mat 8.18-22*

57 Ie nañavelo amy lalañey, le nanoañe ty hoe: O Talè horiheko ndra aia aia ty
homba’o. 58 Hoe t’Iesoà tama’e: Manan-davake o farasio naho amam-pipetaha’e o
voron-dikerañeo; fe tsy amy Ana’ ondatiy ty fanjoàn’ añambone’e. 59 Hoe ka re
ami’ty raike: Mañoriha ahy; fe hoe re: O Talè, angao hey handentek’ an-draeko.
60 Hoe t’Iesoà tama’e: Adono o vilasio handeveñe ty vilasi’ iareo, fa ihe ka, akia,
taroño i Fifehean’ Añaharey.
61 Hoe ka ty raike: O Talè, hañorik’ Azo raho, fe adono hey hitalily an-trañoko
ao. 62 Aa hoe t’Iesoà tama’e: Tsy eo ty mitan-dasary t’ie mitolike, ro mañeva i
Fifehean’Añaharey.

## 10

### *Nahitri’e ty 70*

1 Ie modo zay, le nijoboñe ondaty fitompolo ila’e ka t’i Talè, vaho nirahe’e kiroe-
kiroe hiaolo mb’amy ze hene rova naho tane homba’e. 2 Le hoe re tam’ iereo: Tombo
ty vokatse fe tsy ampe ty mpandrofotse; aa le halalio i Talèm-bokatsey ty hañeke
ho amy fanatahañey; 3 Akia, iraheko hoe vik’añondry mitoam-parasy. 4 Ko mitintin-
koro ndra kontrañe ndra hana vaho ko mifañinoñe an-dalañe eo. 5 Ze traño iziliha’
areo, anò hey ty hoe: Hanitsiñe ty anjomba toy. 6 Aa naho ao ty anan-kanintsiñe, le
hitoetse ao i fañanintsi’ areoy; fe naho tsy zay le himpolia’e. 7 Mañialoa amy trañoy;
mikama naho minoma amy ze azotso amy te mañeva ty rima’e ty mpanatake. Ko
mitsatsàk’ anjomba.

* **9:55** +Tsy apota’areo t’ie amam-pañahy inoñe.

[8] Ze tanañe omba' areo, naho ampihovae'e: ikamao ze azotso'e. [9] Jangaño ze
marare, le anò ty hoe: Fa totok' anahareo i Fifehean' Añaharey. [10] Ze rova anjoà'
areo tsy mampihova, le miheovà mb'an-dàmoke mb' eo vaho anò ty hoe: [11] Ndra
ty lembo' ty rova' areo manditek' ama'ay ho piohe'ay hanjehazeha anahareo. Fe
mahafohina te nitotoha' i Fifehean' Añaharey. [12] Itaroñako te haivañe ty hifetsak'
amy Sodoma amy andro zay ta ty hizò i rovay.
[13] Hankàñe ama'o, Korazina! Hankàñe ama'o Betsaida! Fa naho nanoeñe e Tirò
naho e Sidona añe o raha jabajaba nitoloñeñe ama'areoo le ho nisoloho haehae vaho
ho nitobok' an-gony naho lavenoke. [14] Haivañe ho amy Tirò naho i Sidona amy zakay
ta ty ama' areo. [15] Ihe ka, ry Kapernaomy, haonjomb' andindìñe añe v' iheo? Te mone
hatotse an-tsikeokeok'ao!
[16] Ze mijanjiñe anahareo mijanjiñe ahy, naho ze malaiñ' anahareo malaiñ' ahy,
vaho ze malaiñ' ahy, malaiñe i Nañirak' ahiy.

### *Ty Fipolia' i 70oy*

[17] Nimpoly an-kaehake i fitom-polo rey, le hoe ty asa'iareo: O Rañandria, ndra
o kokolampao miambane ama'ay ty amy tahina'oy. [18] Le hoe t'Iesoà tam' iereo:
Nitreako nidoindoiñe boak' andindìñey hoe helatse i mpañìnjey. [19] Inao! fa tinoloko
lily ambone' ty haozara' i rafelahiy nahareo handialia mereñe naho kalengo fa ndra
inoñ' inoñe tsy hijoy. [20] Aa ko irebeha' areo te itsolofìña' o kokolampao, fe mandià-
taroba te pinatetse andindìñe ao o tahina' areoo.
[21] Ie amy ora zay, nilifon-kaehak' añ' arofo t'Iesoà nanao ty hoe: Mandrenge Azo
raho ry Aba, Talèn-dikerañe naho ty tane toy, te naeta'o amo mahihitseo naho amo
mahilalao o raha zao vaho nampalangese'o amo anak-ajajao; Eka, Aba, zay ty ninò'o
am-pivazohoa'o. [22] Kila natolon-dRaeko ahy, le tsy eo ty mahafohiñe te ia i Anakey
naho tsy t'i Rae, naho te ia t'i Rae lehe tsy i Anakey vaho ze ampahafohiñe' i Anakey.
[23] Nitolik'amo mpiama'eo avao le nanao ty hoe: Haha ty fihaino mahaisake o raha
isa' areoo; [24] Itaroñako te maro ty mpitoky naho ty mpanjaka nisalala hahaoniñe o
oni' areoo fe tsy nahaoniñe, vaho hahajanjiñe o janji' areoo fe tsy nahajanjiñe.

### *Ty Havelo Nainai'e:*

[25] Teo te niongake ty mpahay lily nitsoke Iesoà ami'ty hoe: O Talè, ino ty hanoeko
handovàko haveloñe nainai'e? [26] Le hoe re tama'e, Ino ty pinatetse amy Hake ao?
Akore ty vaki'o aze? [27] Hoe ty natoi'e:
Kokò t'Iehovà Andrianañahare'o an-kaampon'arofo'o,
naho an-kaliforam-pañova'o
naho amy ze hene haozara'o
naho am-pitsakorea'o iaby,*
vaho ondatio mira ami'ty vata'o.†
[28] Le hoe re tama'e: To i natoi'oy, anò, vaho ho veloñe.

### *Ty nte-Samaria Matarike*

[29] Aa ie te haniom-batañe, nanao ty hoe am' Iesoà: Ia v'ondaty zay? [30] Hoe
ty natoi' Iesoà: Teo t'indaty nizotso boake Ierosaleme homb'e Hierikò mb'eo nizò
malaso nañolits' o siki'eo, nitrabotrabok' aze vaho nampidoñ' aze fiai-drifi'e; [31] tojo
te nizotso mb'eo amy zao ty mpisoroñe; nizoe'e fe niriràña'e. [32] Nanao zay ka t'i nte-
Levy, ie pok'eo, nahaisake fe nanoe'e riom-paoke. [33] Nivotrak' eo ka ty nte Samaria
amy lia'ey, ie niisa'e le niferenaiña'e, [34] nitotok' aze naho namoloñosa"e o fere'eo
naho nañiliña'e solike vaho divay; le nampiningire'e amy borìke'ey, naho ninday
aze mb'ami'ty anjomba fanjoàn'ambahiny mb'eo vaho natrahe'e. [35] Ie maraindray,

* **10:27** Its 6:5 † **10:27** Sor 19:18

nañakatse bogady roe, le natolo'e amy tompon' anjombay ami'ty hoe: Itahao; ndra
firefire ty lany mandikoatse zao le havahako ami'ty fimpoliko. 36 Aa vaho ia amy
telo rey ty atao'o nifampilongo amy nizo mpitavañey? 37 Hoe ty natoi'e: I nilem-po
ama'ey. Le hoe t'Iesoà tama'e: Akia, itsikombeo.

*I Marta naho i Marie*

38 Nañavelo iereo, le nizilik' an-tanañe ao t'Iesoà naho nampihova aze añ'anjomba
ty rakemba atao Martae, 39 niambesatse am-pandia' i Talè nitsendreñe o tsara'eo ty
rahavave'e Marie. 40 Fe niembetse'amy fitoroña'ey t'i Martae le niheo mb'amy Talè
mb'eo nanao ty hoe: O Rañandria, tsy ahoa'o hao te nieng' ahy hikotepe irery ty
rahavaveko? Ampañoloro ahy. 41 Hoe ty natoi' Iesoà: O Martae, Martae, ihe tsotseke
naho tsimboetse ami'ty raha maro, 42 raha raike ty paiaeñe; nijoboñe ty soa t'i Marie,
le tsy hasintak' ama'e zay.

*Ty Filolohañe Mat 6.9-13; 7.7-11*

## 11

1 Teo te nitroatse ami'ty fitaloha'e an-toetse zay t'Iesoà le hoe ty nanoa' ty
mpiama'e: O Rañandria, añohò anay ty hiloloke manahake ty naô' i Jaona o
mpiana'eo. 2 Le hoe re am' iereo: Naho miloloke nahareo, anò ty hoe:
O Aba,
Havaheñe abey ty tahina'o;
Hitotsak' abey ty fifehea'o,
3 Azotsò lomoñandro ty mahakama mahatsàk' anay.
4 Le adono o hakeo'aio, Fa apo'ay ka ty tahi' ze anaña'ay hakeo.
Le ko minday anay mb'am-panjiziañe,

*ty Rañetse Mahaheve*

5 Le nitovoña'e ty hoe: Ia ama' areo ro aman-drañetse miheo mb' ama'e
vakimiraleñe mihalaly ty hoe: O koahe, ampitsepaho mofo telo, 6 fa pok' amako
ao aniany ty rañeko amy lia'ey vaho tsy eo ty hafahako aze? 7 Le hanoiñe ty
hoe i añ'anjombay: Ko mañembets' ahy, fa migabeñe o lalañeo, naho miharo
fandreañe amako o keleìakoo, vaho tsy mahafitroatse raho hañomeako azo ndra
inoñe. 8 Itaroñako te, ndra t'ie tsy hiongake hañomey ty amy firañetañey, i
hatsotseha'ey ty hiongaha'e hañomey ze hene paia'e.
9 Aa le hoe ty volako ama'areo: mihalalia, le ho meañe; mitsoeha le ho tendreke,
mañonkòña le ho sokafeñe. 10 Fa ze mihalaly mahazo, ze mikodebe mahatendreke
vaho ze mañonkòñe ro sokafañe.

*ty Rae Soa Mat 7.7-11*

11 Aa naho mangatake mofo ama' iaia ama'areo roae ty ana'e, ho tolora'e vato hao?
ke angataha'e fiañe, ho tolora'e mereñe hao hasolo' i fiañey? 12 He ihalalia'e atoly,
ho sozoa'e kalengo hao? 13 Aa ndra t'ie raty ro mahafañome raha soa amo keleia'
areoo, mentsake te hatolon-dRae'areo an-dikerañe ao amy ze mihalaly ama'e i Arofo
Masiñey.

*i mpañìnjey Mat 12.25-30; 43-45; Mar 3.22-27*

14 Rinoa'e ty kokolampa moañe le ie nifaok' añe i angatsey, nisaontsy i moañey
vaho nilatsa i lahialeñey. 15 Aa hoe ty asa' o ila'eo: I belzeboba, talè' o kokolampao
ro androaha'e kokolampa. 16 Ty ila'e ka, nipay viloñe ama'e boak' andindìñe ao
hanjiziañ' aze.
17 Aa kanao niarofoana' Iesoà ty vetsevetse' iareo, le nanoa'e ty hoe: Hangoakoake
ze fifeheañe mifañito; le hikoromake ze anjomba mifañavake. 18 Aa lehe mizara i

mpañìnjey, hanao akore ty hijadoña' i fifehea'ey? ie atao' areo te i belzeboba ro
añariako kokolampa. 19 Aa naho i belzeboba ty androahako kokolampa, ia ka ty
androaha' o ana' areoo ty a iareo? Ie ro hizaka anahareo. 20 Aa naho ty rambo-pitàn'
Añahare ro androahako kokolampa, le fa tendrek' ama'areo i Fifehean' Añaharey.

21 Ie ambena' ty fanalolahy vory fialiañe ty akiba'e, le hanintsiñe o vara'eo. 22 Fa
ie iambotraha' ty maozatse te ama'e, mahagiok' aze, le hene ho tavane'e o fialiañe
niatoa'eo vaho ho zarae'e o finao'eo.

23 Manjehatse ahy ze tsy mitraok' amako; le mampiparaitake ze tsy mindre
manontoñe amako. 24 Ie miakatse am' ondatio ty kokolampa, manalio mb'an-tane
tsi-an-drano mipay ty hitofà'e, fe tsy manjò le manao ty hoe: himpoliako i traño
niboahakoy. 25 Ie avy ao, zoe'e pinioke vaho soa hamiñe. 26 Aa le miavotse re minday
kokolampa fito raty te ama'e, le mitsamoake manozìtse ao; raty te amy nifotora'ey
ty higadoña' indatiy.

27 Ie mbe nisaontsy, le nampipoña-peo ty rakemba amy lahialeñey, nanao ty hoe
ama'e: Haha ty fisafoañe nivesatse azo naho o fatroa ninonoa'oo. 28 Hoe ty natoi'e:
Lombolombo' ty haha ze mijanjiñe ty tsaran' Añahare vaho mañambeñe aze.

### *Ty Vilo' i Jonà Mat 12.39-42*

29 Ie niha-famoeboetse eo i màroy le hoe re: Lo-tsereke ty tariratse mipay viloñe
toy, fe tsy eo ty viloñe hatolotse naho tsy ty vilo' i Jonà, 30 fa hambañe ami'ty naha-
viloñe amo nte-Niniveo t'i Jonà, i Ana'ondatiy ami' ty tariratse toy. 31 Hiongake amy
fizakañe ty tariratse toiy i mpanjaka-ampela atimoy handrabioñe aze, fa niboak'añ'
olon-tane añe re hitsendreñe ty hihi' i Solomona; fe hehe te lombolombo' i Solomona
ty etoy. 32 Hindre hiongak' ami'ty tariratse toy amy andron-jakay t'i Ninive hañinje
aze amy t'ie nisoloho amy koi-dava' i Jonày; fe zoke' i Jonà ty etoañe.

### *Ty Jiro*

33 Tsy eo ty nandrehetse jiro, ze mbore hampikafitse aze ndra hampikolopok' aze
ami'ty tsikotòke, fa hapo'e ambone' fasian-jiro ey, ho isa' ze mimoak' ao i hazavàñey.
34 Failom-pañova ty fihaino, ie vantañe ty fihaino'o le lifo-kazavàñe ty sandri'o, fa
naho mengoke, le mimoromoroñe iaby ty sandri'o. 35 Aa le mitaoa, he maieñe ty
zava ama'o ao. 36 Ie amy zao, naho lifo-kazavàñe ty sandri'o naho tsy maieñe ty ao,
le ho lifo-kazavañe, manahake ty añazavam-pailo azo amy fireandrea'ey.

### *Hankàñe Eneñe*

37 Ie mbe nisaontsy, le nañambara aze ty Fariseo, hikama; aa le nizilik' ao re,
nidegañe am-pandambaña eo. 38 Fe nilatsa' i Fariseoy naho nioni'e t'ie tsy nanasa
hey aolo' te nikama. 39 Aa le hoe t'i Talè tama'e: Hehe ty fanoe' areo Fariseo, liove'
areo ty voho' o fitovio naho o fingao, fe miboboke tity naho haloloañe ty an-trok'
ao. 40 Ry gege bey! Tsy i nanao ty voho'ey hao ty nanao i am-po'aoy? 41 Hàmake te
anoloran-ko falalàñe o ama'areoo, le ho kila halio ty ama'areo.

42 Hankàñe ama'areo Fariseo! fa ampahafoloe' areo ty sakaviro naho ty sakay
vaho ze karaza añañe; fe rioña' areo ty hatò naho ty fikokoan' Añahare; mbe ho
nanoe'areo irezay, fe tsy ho nado'areo ka ty ila'e.

43 Hankàñe ama'areo Fariseo! Tea' areo ty fiambesatse aolo am-pitontonañe ao
naho ty añontanea' ondaty an-tsena ey, 44 Hankàñe ama' areo fa manahak' o kibory
tsy amam-pamantarañeo, ie lialià' ondaty avao kanao tsy fohiñe.

45 Tinoi' ty mpahay lily ty hoe: O Talè, mañinje anay ka 'n-Iheo amy saontsi'oy.
46 Hoe ty natoi'e: Hekoheko ama' areo mpahay Hake ka! Amy te ampijinie'areo
kilankañe midogìñe t'indaty, le ndra ty anakiky tsy apao' areo amy kilankañey.

47 Hankàñe ama’areo! fa amboara’ areo kibory o mpitoky vinonon-droae’ areoo.
48 Toe iantofa’ areo ty satan-droae’ areo, ie ro toe namono, naho inahareo ro
namboatse o kibori’eo. 49 Izay ty nataon’ Añahare ty hoe ami’ty hilala’e, Hañitrifako
Mpitoky naho Firàheñe, ho vonoeñe ty ila’e vaho hanilofeñe ty ila’e. 50 Aa le
hampañavahañe ami’ty tariratse toy ty lio’ o mpitoky naorikori’e faha’ ty fifotora’
ty voatse toio, 51 mifototse ami’ty lio’ i Abela pak’ ami’ ty lio’ i Zakaria vinono añivo’
i kitreliy naho ty Anjomban’ Añahare eo. Eka! Itaroñako te hampañavahañe ami’ty
tariratse toy izay.
52 Hankàñe ama’areo mpahay lily! Tinava’areo ty lahin-dakilen-kihitse. Tsy
nimoaha’areo, fe sebañe’ areo ze mañaly lalañe hizilik’ ao.
53 Ie nanao zay, le nanoe’ o mpanoki-dilio naho o Fariseoo tsikony naho nimanea’
iereo ontane, 54 nandiñe hitsepake aze amy ze hiakatse am-palie’e.

# 12

*o Soamañatrekeo*
*Mat 10.26-33*

1 Ie amy zao, naho nivorigidiñe añ’aleale t’indaty vaho nifandialia, le nanoe’ Iesoà
ty hoe hey o mpiama’eo: Itaò ty lalivai’ o Fariseoo, amy t’ie hasoa-fiatreke. 2 Toe tsy
ao ty linomboke ze tsy haboake ndra ty nakafitse ze tsy haborake; 3 aa ndra inoñ’
inoñe volañe’ areo añ’ieñe ao, ty ho janjiñeñe an-kazavàñe ey; vaho ze tsikoe’ areo
an-dravembia añ’anjomba ao ho tseizeñe an-tampenake ey.
4 Taroñeko ama’areo roàñeko ty hoe, ko marimarihañe ze mahay mamono
ty sandriñe, fe tsy mahalefe mandikoatse. 5 Hatahataeko ty hañeveña’ areo:
irevendreveño i fa namonoy ro mbe aman-dily hampijoroboñ’ azo an-tsikeokeok’
ao; eka hoe raho, Añeveño! 6 Tsy drala roe hao ty vili’ ty tsikisoisoy lime? Fa ndra
raik’ ama’e tsy andikòfan’ Añahare. 7 Ndra ty maroi’ ty añambone’areo, fa fonga
niaheñe. Aa le ko mahimahiñe, fa mandikoatse ty tsikisoisoy maro nahareo.
8 Itaroñako: Ndra iaia miantok’ ahy añatrefa’ ondatio, ro hiantofa’ i Ana’ondatiy
añatrefa’ o anjelin’Añahareo. 9 Fe ze mitety ahy añatrefa’ ondatio, ro hitetiako
añatrefa’ o anjelin’Añahareo.
10 Ndra iaia mitsiko i Ana’ondatiy ro mbe hiheveañe; fe tsy hiheveañe ka ze
miteratera i Arofo Masiñey.
11 Lehe asese’ iereo am-pitontonañ’ ao nahareo naho amo zizio ndra amo mpifeheo,
ko tsòtsek’ ami’ty hatoi’ areo naho amy ze ho saontsie’areo; 12 Fa hanare’ i Arofon-
kamasiñañey ze ho saontsie’areo amy ora zay.

*I Fatitimenay*

13 Tamy lahialeñey ty nanao ama’e ty hoe: O Talè, saontsio ty rahalahiko ty
hifanjara i lovay amako. 14 Tinoi’e ty hoe: O korahe, ia ty nanendre ahy ho mpizaka
ndra mpizara ama’areo? 15 Le hoe re tam’ iereo: Mitaoa naho mitomira tsy ho azo’
ty fihañañe, fa tsy miato ami’ty fanaña’e ty havelo’ ondaty.
16 Le hoe ty nirazañe’e: Namokatse soa ty tetem-pañaleale. 17 Le hoe ty safirin-
tro’e: Hanao akore raho henaneo, tsy eo ty hanontonako o hanekoo. 18 Aa le hoe
ty asa’e: Zao arè ty hanoeko: Ho rotsaheko o rihakoo naho ho tratrañàheko, vaho
ho tamirieko ao ze hene haneko naho varako. 19 Le hatàko ty hoe ty troko: O ry
troko, nivandroñe’o vara tsifotofoto an-driha ao, ie tsy ho ritse an-taoñ’ an-taoñe; aa
le mitofà, mikamà, migenoha, vaho mifalea. 20 Fe hoe ty nitsaran’ Añahare aze: Ty
dagola tia! ampañavaheñe azo anito haleñe ty tro’o, aa le ho an’ ia v’o nahaja’oo?’
21 Hambañe amy zay ty ho amy ze mitamiry vara ho am-bata’e, f’ie tsy mpañaleale
aman’ Añahare.

*Borizan' Añahare Mat 6.25-33*
22 Le nanao ty hoe re amo mpiama'eo: Zao ty volako ama'areo: ko tsimboetse ami'ty
haveloñe toy, ty ho kamae' areo; ndra ami'ty sandriñe, ze hisaroña'areo. 23 Zoke' ty
mahakama ty haveloñe, naho ty saroñe i sandriñey. 24 Haraharao o koàkeo: tsy
mitongy, tsy mandrofotse, tsy aman-jahetse, tsy aman-driha, fe fahanan' Añahare;
tsy ambone' o voroñeo hao ty fiai'areo? 25 Aa vaho ia ama'areo te mahimahiñe
ro mahatovoñe ty andro hiveloma'e ndra kede? 26 Aa naho tsy mete' areo i raha
kedekedey inoñe ty iveobeoha' areo o raha ila'eo? 27 Rendreho o voñeo, ty fitiri'e;
ie tsy mitoroñe, tsy manenoñe; Eka, itaroñako te, ndra i Solomona amy ze hene
enge'e tsy nañirinkiriñe ty fisafora' ty raik' ama'e. 28 Aa naho zay ty ampisikinan'
Añahare o ahetseo, ie amoka añe androany vaho ahifik' an-toñak' ao te hamaray,
àntsake ty hanafora'e anahareo, ry kede fatokisañe! 29 Ko mitsoeke ty ho kamae'areo
ndra hinome' areo, le ko marimarike. 30 Fonga paiae' o kilakila'ondatio rezay vaho
arofoanan-dRae'areo te ipaia'areo ka. 31 Fe hotsohotsò heik' i Fifehea'ey le hatovoñe
ama'areo ze he'e.
32 Ko hembañe, ry mpirai-lia kedeo fa non-dRae'areo ty hanolotse anahareo i
Fifeheañey. 33 Aletaho ty vara' areo le añomeo o rarakeo. Añentseño horoñe tsy
mete voroke naho vara andindìñe ao tsy ho ritse, tsy harivoa' ty malaso, tsy ho
vorohe' ty oletse. 34 Fa ami'ty nampipohañe o fanaña' areoo, le ao ka ty arofo'areo.

*Mitaoà*
35 Midiaña vania, le ampireheto o failo' areoo, 36 vaho mihambaña am' ondaty
mandiñe ty talè'e himpoly boak' añ' engavao añeo: ie pok' eo naho mitrehentreheñe,
le ho sokafe' iereo ami' ty manao zao. 37 Haha o mpitoroñe ho zoe' i talè' iareoy
mitao amy fiavi'eio! Eka! to t'itaroñako t'ie hidiañe vaho hampiambesatse iareo
hikama, le homb'eo re hitoroñe iareo. 38 He t'ie avy petsakaleñe ke mielizava, vaho
zoe'e manahake zay, le ho haha i mpitoroñe rezay. 39 Arendreho zao te, ie napota'
ty tompon-traño ty ora ho niloneahe' o malasoo, tsy ho nado'e ho foieñe i akiba'ey.
40 Aa le mitaoa, fa ami'ty ora mahatondreñe anahareo ty hitotsaha' i Ana'ondatiy.

*Ho Tojeha Mat 24.45-51*
41 Hoe t'i Petera: O Talè, tsinara'o ama'ay v'i ohatsey, ke amy màroy? 42 Le
hoe t'i Talè: Ia arè ty mpamandroñe migahiñe naho mahihitse, tinendre' ty bei'e
hifeleke o añ'anjomba'eo hanonkantsonkañe mahakama ami'ty andro'e? 43 Haha
ty mpitoroñe, t'ie zoe' i talè'ey mifanehake hoe zay amy fibali'ey. 44 Eka! to
t'itaroñako t'ie horiza'e ho mpamandroñe o vara'e iabio. 45 Fe naho zao ka ty
fitsakorea' i mpitoroñey, te: Tambatse añe i talèkoy. Ie miorotse mamangovango
o mpitoroñeo, ndra lahy ndra ampela naho mitolon-tsorake vaho mitríke ho jike,
46 ie pok'ao i talèm-pitoroñey ami'ty andro tsy itama'e naho ami'ty ora tsy apota'e;
le ho trabotrabohe'e i mpamandroñey vaho hatrao'e fitobohañe amo tsereheñeo. 47 I
mpitoroñe nahafohiñe ty satrin'arofo' i bei'ey, fe tsy nañalankañe, naho tsy nanao
i satri'eiy ro ho kimokimohen-doda. 48 Fa ze tsy naharendreke, ndra t'ie nanao ty
mañeva fofoke, ro mone ho filopiloreñe. Ze nimeam-bey, bey ka ty ipaiañe; ze
nampañajarieñe bey le bey ka ty hampañondrohañe aze.

*Te mone Harotsake*
49 Ty hametsahako afo an-tane atoy ty nivotrahako, le hàmake t'ie niviàñeñe!
50 fe am-piliporañe hiliporako, aa le malovilovy ampara' t'ie tondroke. 51 Atao' areo
ho ninday fifampilongoañe amy Taney hao ty fiaviko? Tsie, hoe raho, te mone
fifampiriàñe. 52 Henane zao, hifandietse ty lime mpitraok' anjomba, ho liere' ty
telo ty roe naho ho liere' ty roe ty telo. 53 Hifampiria aman-drae'e ty anadahy naho

i anadahiy aman-drae’e; ty rene am’ty anak-ampela’e naho i anak-ampelay aman-
drene’e; ty rafozan’ ampela ami’ty vinanto’e ampela, le i vinantoy aman-drafoza’e.

### *o San’ androo*

54 Hoe re amy lahialeñey: Ie tendreke rahoñe mionjoñe boak’ ahandrefañe añe,
ro manao ty hoe: Ho avy ty orañe; le toe avy. 55 Ie mitiok’ atimo, le hoe ty asa’areo:
Hatrovoke te anito, le eo zay. 56 O soamiatrekeo! Mahafitsikarake ty tarehe’ i
likerañey naho ty tane toy nahareo; fe manao akore te tsy mahatsikarake ty vinta’ o
sa zao?
57 Akore te tsy safirie’areo ty lala-mahity horiheñe. 58 Ie indreza’o lia i rafelahi’oy
mb’ amy ziziy mb’eo, ihe mbe an-dalañey, imaneo filongoañe, tsy mone ho
kororohe’e mb’an-jizy mb’eo naho hatolo’ i ziziy amo mpandrohio, vaho hafetsa’
i mpandrohiy am-balabey ao. 59 Ataliliko azo te tsy hiboak’ ao rehe ampara-
pandroroña’o ze drala honka’e.

## 13

### *ty Fisolohoañe*

1 Teo amy andro zay, te nitalilieñe amy IESOÀ ty raha nizò o nte Galilia natrao’ i
Pilato amy nisoroña’ iareoy ty lio’ iareoo. 2 Tinoi’ IESOÀ ty hoe: Atao’ areo te bey
hakeo te amo nte Galilia ila’e iabio hao i nte Galilia nizò i raha zay? 3 Tsie, fa inao
ty hatoiko, Hibaibay ka nahareo naho tsy misoloho. 4 Aa ty amy folo-valo’ amby
nideboña’ i fitilik-ambo’ i Siloama rey, ie fonga nizamañe; atao’areo t’ie bey tahiñe
te amy ze hene ondaty ila’e mpimoneñe e Ierosaleme ao hao? 5 Aiy! fa inao: Toe
hivetrake hambañ’ amy zay ka nahareo naho tsy mibaboke.
6 Le hoe re te nandrazañe: Teo t’indaty nampambole sakoañe an-tetem-bahe’e ao.
Ie nimb’eo hipay voa, tsy nahatendreke. 7 Aa hoe ty asa’e amy mpañalahala tetem-
bahe’ey: Hete! fa telo taoñe ty nombako mb’etoa nipay voa amo sakoañeo, fe tsy
nanjò. Firao añe, ino ty ampiantoa’e o taneo? 8 Hoe ty natoi’e aze: O Roandria, Adono
hey re ami’ty taoñe toy fa harikoboñeko haly vaho hasian-ditsake; 9 hera hamoa. Ie
tsy lefe, zay vaho ho firae’o.

### *ty Rakemba Vokoke*

10 Ie nañoke am-pitontonañe ao te SABOTSE t’IESOÀ, 11 le indroy ty rakemba
nikomboe’ ty angatse folo tao-valo’ amby; akore ty fibokofa’e kanao tsy nimete
niatatse. 12 Ie nivazoho’ IESOÀ, le kinanji’e ami’ty hoe: O Rakembao, Fa hinaha amo
favozoa’oo rehe. 13 Le nampitongoa’e fitàñe vaho niatatse amy zao re nandrenge an’
Andriananañahare.
14 Akore ty haboseha’ i talèm-pitontonañey amy nampijangaña’ IESOÀ amy
SABOTSEiy kanao linaño’e ty hoe amy màroy: Eneñ’andro ty fitoloña’ ondatio, mb’etoa
amy zay nahareo ho tahàñe; fa tsy ami’ty andro Sabata. 15 Natoi’ i Talè ty hoe: O ty
soamañatreke! Tsy songa mañaha ty añombe’e ndra ty borìke an-golobo’e ao ami’ty
Sabotse hao nahareo vaho miroak’ aze mb’ an-drano hinoma’e? 16 Hehe ty rakemba
tia! ana’ i Abraàme, ie rinohy i mpañinjey folo taoñe valo’ amby; tsy ho hahàñe
amo fandrohizañeo hao re ami’ty andro Sabata? 17 Amy saontsi’ey, fonga nisalatse o
nanointoiñe azeo; fe niehak’ amo hene fanoe’e fanjàkao i màroy.

### *ty Voam-baro Mat 13.31,32; Mar 4.30-32*

18 Le hoe re: Ampanahafeñe ami’ty inoñ’ i Fifehean’Añaharey? Ino ty
hañirinkiriñako aze? 19 Ie ro hambañe ami’ty voam-baro rinao’ ondaty naho nafitse’e
an-tete’e ao, ie nitiry le nitombo ho hatae bey, vaho nitobe amo tsampa’eo o voron-
tiokeo.

### *Ty Lalivay Mat 13.33-35*

[20] Hoe ka re: Inon-ty añoharako i Fifehean' Añaharey? [21] Ie ro hambañe ami'ty
lalivay rinambe' ty rakemba naho nalaro'e ami'ty mona telo fañaranañe ampara' ty
nitraofa' i lalivaiy.

### *Ty Lalañe Maifitse Mat 7.13-14; 21-23*

[22] Nañoke amo rovao naho amo tanàñeo erike t'IESOÀ ami'ty nañaveloa'e mb'e
Ierosaleme mb'eo. [23] Le teo ty nañontane aze: O Rañandria, he tsy ampeampe ty
ho rombaheñe? Le hoe re: [24] Imaneo fizilike i lala-maifitsey, amy te maro, hoe raho
ama'areo, ty hipay himoak' ao fe tsy hahalefe. [25] Ie miongake mampigaben-dalañe
i talèn'anjombay le hijagarodoñe alafe'e ao nahareo hañonkòñe amy lalañey hanao
ty hoe: O Talè, sokafo zahay, le hanao ty hoe re: Tsy fantako te hirik' aia nahareo!
[26] Le hanao ty hoe iereo: Nikama naho ninoñe añatrefa'o eo zahay, ihe nañoke an-
dalam-bei'ay ey. [27] Fe inao ty ho asa'e, Amoeako t'ie boak' aia! songa midisoa ahy
ty lo-tsereke retia! [28] Fangololoihañe naho fikodrita-nife ty ao, ie talakese' areo t'i
Abraàme naho Isake naho Iakobe vaho ze hene mpitoky amy Fifehean'Añaharey,
f'ie sinoike alafe'e ao. [29] Hipotèake hirik' atiñanañe naho ahandrefañe añe t'indaty
naho boak'avaratse vaho atimo añe hiambesatse amy Fifehean' Añaharey. [30] Toe
amo am-bohoo ty ho aolo, naho amo lohàñe eio ty ho fara-gidro'e.

### *Mandala Ierosaleme Mat 23.37-39*

[31] Tamy àndro zay, niheo mb'ama'e mb'eo ty Fariseo ila'e nanao ty hoe: Miengà!
mihankàña! fa hañohofa' i Heroda loza. [32] Le hoe ty natoi'e: Akia, misaontsia
amy fanalokey ty hoe: Inao! hañary kokolampa naho hanaha hey te anito naho
hamaray, vaho hitsatok' amy fitalifirakoy te herone. [33] Aa le hijelanjelañe te anito
naho hamaray vaho herone; fa toe tsy mivetrak' alafe' Ierosaleme ty mpitoky.
[34] Ry Ierosaleme, Ierosaleme, mpamono mpitoky naho mpametsa-bato amo
niraheñe ama'oo, im-pire hao te ho natontoko o keleia'oo, manahake ty anontona' ty
rene-akoho o ana'eo ambane' o ela'eo? f'ie tsy nipaoke. [35] Inge! fa nadoñe ama'areo
kòake ty anjomba' areo. Itaroñako te: toe tsy hahaisak' ahy ka nahareo ampara' te
avy ty hatao'areo ty hoe:
Haha ty mitotsak' ami'ty tahina' IEHOVÀ.*

## 14

### *O SABATAO*

[1] Teo t'ie nizilik' añ'anjomba' ty mpiamo beim-Pariseoo hikama ami'ty SABOTSE,
le fonga nikirok' aze. [2] Aa hehe te añatrefa'e eo t'indaty voa ty trinike. [3] Le
hoe ty ontane' IESOÀ amo mpahay Hàkeo naho amo Fariseoo: No' i Hake hao ty
mampijangañe ami'ty SABOTSE? [4] Nianjiñe avao iereo, aa le rinambe'e naho jinanga'e,
vaho nampiavote'e. [5] Le hoe re tam' iereo: Ia ama' areo naho tafajoroboñ' an-kadaha
ao ty birì'e ndra ty añombe'e, ro tsy hañakatse aze aniany ami'ty andro Sabata? [6] Aa
le tampets' eñoeño iereo amy hoe zay.

### *Ty Ambahiny Mandribariba*

[7] Ie nirendre'e o nambarañe nifatrifatry hitsotsèfotse aolo eio, le nirazañe'e ty
hoe: [8] Naho eo ty mañambara azo homb' añ'enga vao añe, ko mitsoretak' aolo
ey, ke ampihovae'e ty aman-kasy mandikoatse azo; [9] ie amy zay, ho saontsie' i
nampihova anahareo roey ty hoe: Ampiambesaro t'indaty toy, le an-tsalatse ty
hinankanankaña'o mb' am-boho ao. [10] Aa naho ambaràñe, miambesara amo èpakeo,
ie avy i nitaoñe azoy, le hanoa'e ty hoe: O rañetse, mionjona mb'aolo ey; le

---
* **13:35** Sab 118:26

hanan-kasin-drehe añatrefa' o miharo fiambesatse mikama ama'oo. 11 Harèke ty
mitrotroaboke, vaho haonjoñe ty mirèke.
12 Hoe ka re amy nañambara azey: Ie mañalankañe fikama antoandro ndra hariva,
ko mikanjy o rañe'oo, ndra o roahalahi'oo, ndra o longo'oo, ndra o mpañaleale
marine azoo, tsy mone hambara' iereo ka, le ho vinale i azoy. 13 F' ihe manao
takataka, koiho o rarakeo, o komboo, o kepekeo vaho o goao. 14 Le ho soatata rehe
amy t'ie tsy hahavale. Hondroheñe ami'ty fivañon-ko velo' o vantañeo i azoy.

*ty Sabadidake Bey*

15 Ie nahajanjiñe zay ty niambesatse nitrao-pikama ama'e le hoe ty asa'e
ama'e: Soatata ze hikama amy Fifehean' Añaharey. 16 Le hoe ty natoi'e: Teo
t'indaty nañalankañe sabadidake naho nikoike maro, 17 ie tendreke i sabadidakey
le nampihitrife'e mpitoroñe hanao ty hoe amo nañambarà'eo: Antao fa hene
hinalankañe. 18 Fe, songa nihalaly fihankañañe. Hoe ty valoha'e: Fa nivily tane raho
le tsi-mete tsy homb'eo hañente aze, aa le mihalaly t'ie hitotse ama'o hey. 19 Hoe ka ty
raike: Nikalo katràka folo raho le hihitrike hibiribiry iareo. Iantofo koahe o halalikoo.
20 Hoe ka ty raike: Nañenga-vao raho, le tsy eo ty hombako mb'eo. 21 Aa le nimpoly
i mpitoroñey vaho hene natalili'e amy talè'ey. Viñetse amy zao i talen' anjombay
le hoe ty asa'e amy mpitoroñey: Masikà, akia mb'an-damoke mb'eo naho mb' añ'
oloñolo' o tanàñeo mb'eo le ampihovao mb'etoa o rarakeo, o kepekeo, o feio vaho
o komboo. 22 Le hoe i mpitoroñey: O Rañandria, kila heneke i nandilia'oy, fa mbe
malalake. 23 Le hoe i beiy amy mpitoro'ey: Akia mb'an-dalañe mb'eo, naho mb'amo
lalan-tsilekeo vaho fonga aziro himoake hahàtseke ty trañoko. 24 Taroñeko te ndra
raik' am' ondaty nikoihekoo tsy hitsòpek' o ahandrokoo.

*Ty Sata o Mpiama'eo*

25 Havorontsan-dahialeñe ty nindre fañavelo am' IESOÀ. Ie nitolike, le nanoa'e ty
hoe: 26 Naho eo ty miheo amako fa tsy mahafary rae naho rene naho valy naho anake
naho rahalahy naho rahavave, eka, toe ty fiai'e, le tsy mete ho mpiamako. 27 Tsy noko
ho mpiamako ka ze tsy mitarazo ty hatae ajale'e naho manonjohy ahy. 28 Aa vaho ia
ama' areo, naho mañoreñe fitalakesañ' abo, ro tsy hitoboke hey hañereñere ty ho
vili'e, hahaoniñe ke ho fonitse, 29 ke, ie napeta'e o mananta'eo naho tsy nahafonitse, le
ho kizahe' ze hisamba, 30 ami'ty hoe: Namototse nañoreñe indatiy fe tsy nahafonitse.
31 Ia ka ty mpanjaka, hialy ami'ty mpanjaka hafa, ro tsy hitoboke hey hisafiry,
hera, ami'ty rai-ale re ro haharebake ty aman-droe-ale? 32 Aa naho tsie, ie mbe añe
ro hañitrifeñe ty hipay filongoañe ama'e. 33 Aa le tsy lefe ho mpiamako ka t'ie tsy
songa mahafoe ze hene fanaña'e.
34 Soa o sirao; f'ie nàmoñe, inon-ka ty hahareizan-tave aze? 35 Tsy mañeva o taneo
ndra i zolokey zay, fa hariañe avao. Ze aman-dravembia hijanjiñe, Mijanjiña.

*Ty Añondry Motso Mat 18.12-14*

# 15

1 Hene niropak' am' IESOÀ amy zao o mpamory vili-lohao rekets' o bey hakeoo
hijanjiñe aze. 2 Le hoe ty fitreontreo' o Fariseoo naho o mpanoki-dilio: Mandrambe
mpanan-tahiñe t'indaty tia vaho mitrao-pilintseñe ama'e.
3 Aa le nirazaña'e ty hoe: 4 Ia ama' areo aman' añondry zato, ie rereke ty raike,
ty tsy hienga i sivampolo sive' amby rey an-tameañe ey heike, hihitrihitry hitsoeke
i motsoy ampara' te tendreke? 5 Ie isa'e, le anoe'e ega vaho ifalea'e, 6 le ie pok'
añ' anjomba'e ao, atonto'e o rañe'eo naho o marineo vaho anoe'e ty hoe: Antao
hitrao-kaehak' amako, fa nitreako i añondriko nimotsoy. 7 Itaroñako te hirebeke ty

andindiñe ao ami'ty bei-hakeo misoloho te ami'ty maren-tane sivampolo sive' amby
tsy aman-kisolohoa'e.

### *Ty Tsanganolo Motso*

8 Ia ka ty rakemba aman-tsanganolo folo, ie motso ty raike ro tsy handrehetse jiro,
hipio anjomba hikodebe ampara' te isa'e? 9 Ie zoe'e ro mamory o rañe'eo naho
o mpifankarine ama'eo hanao ty hoe: Antao hitrao pinembanembañ' amako; fa
nitreako i tsanganolo nimotsoy. 10 Itaroñako te firebehañe ty añatrefa' o anjelin'
Añahareo ami'ty fibaboha' ty mpanan-tahiñe raike.

### *Ty Anadahy Rereke*

11 Tinovo'e ty hoe: Teo t'indaty aman'anadahy roe. 12 Le hoe ty zai'e aman-drae'e:
O aba, atoloro ahy ty anjara lovako. Le zinara'e am' iereo ty fiveloma'e. 13 Ie modo ty
andro tsy ampeampe le hene natonton-jai'e naho nifokofoko mb'an-tsietoitane añe
vaho nirite'e ami'ty hatsivokarañe o fanaña'eo. 14 Ie nikapioke, nitondroke ty san-
kerè mena amy taney vaho nirota. 15 Aa le niavotse re, noly amy t'indaty tompo-tane
nañirak' aze hiara-dambo an-tete'e añe. 16 Le naìna'e te ho nañatseke ty tro'e amo
hara'e fihanen-damboo, fe tsy eo ty namahañe aze.
17 Ie nitombalin-dre, le hoe ty fisafiri'e: Firefire amo mpikarama aman-draeko añeo
ro tsy enen-kaneñe, zaho mifeake ty kerè atoy! 18 Hiavotse raho himpoly mb' aman-
draeko añe, le hanoeko ty hoe: Ry aba, aman-kakeo andindìñey naho ama'o raho 19 le
tsy mañev' ahy te hatao ana'o, ehe apoho ho mpiamo tsimañaja'oo. 20 Aa le niongake
re nimpoly mb' aman-drae'e añe. Ie mbe eñe te nitalaken-drae'e naho niferenaiña'e;
vaho nihitrihitry mb' ama'e mb'eo nametreke ty fititia'e naho norofa'e. 21 Fa hoe ty
nanoa' i ana'ey: O aba, aman-tahiñe andindìñey naho ama'o raho, tsy mañeva ahy
ty hatao ty hoe ana'o ka. 22 Fe hoe ty rae'e amo mpitoro'eo: Hitrifo masika kirahe
i sarimbo soay le isaroño; añombeo bange o taña'eo naho hana o tombo'eo 23 le
endeso atoy i ana-bosy vinondrakey, lentao; naho antao hikama vaho hifale. 24 Amy
te nihomake ty anako toy naho nivañom-beloñe, nimotso vaho nitrea. Aa le nifale
iereo.
25 Tan-tetek' añe i zoke'ey; aa ie nañarine i anjombay, le nahatsanom-peon-
kafaleañe naho tsinjake. 26 Le tsinikao'e ty mpitoroñe, naho nañontane ty foto' o
raha zao. 27 Le hoe ty nanoa' i mpitoroñey: Nivotrak' atoy i rahalahi'oy; aa kanao
nijaranjaiñe i anadahi'ey, le vinonon-drae'o i ana-bosy vinondrakey. 28 Nioroñoroñe
amy zao re nifoneñe tsy hizilik' ao; aa le niakatse ty rae'e hañohò aze. 29 Fe hoe re
aman-drae'e: Hete, fa haehae ty nitoroñako azo, le tsy nililareko ndra mbia' mbia
o lili'oo; fe mbe lia'e tsy nitolara'o ndra ty vi'e hifalefaleako amo rañekoo. 30 Ie
niloneake eo i ana-dahi'o nampianto ty harea'o amo tsimiriririrañeoy, le linenta'o i
temboay vinondrakey. 31 Aa hoe ty saontsin-drae'e tama'e: O anake, toe amako
etoañe nainai'e rehe; fonga azo o hanañakoo. 32 Fe evàe'e t'ie mifale naho mirebeke;
amy te nihomake i rahalahi'oy f'ie nibodañe, nirereke fe nitendreke.

## 16

### *Ty Mpamandroñe tsy Jefa'e*

1 Tinovo'e ty hoe amo mpiama'eo: Teo ty mpañaleale nitalilieñe te nandritse ty
vara'e ty mpamandro-panaña'e. 2 Aa le kinanji'e naho nanoa'e ty hoe: Akore ze
o tsinanoko ty ama'o zao? Volilio o famandroña'oo, fa tsy ho mpamandroñe ka.
3 Le hoe ty fitsakorea' i mpamandroñey: Inom-barè ty hanoeko kanao hafaha' i
talekoy amy famandroñakoy? Tsy lefeko ty miava, le manalats' ahy ty mangatake.
4 Inao arè ty hanoeko, soa te, ie navìk' ami'ty maha mpamandroñe ahy, le mbe ho

rambese' iereo añ' anjomba ao. [5] Aa le songa kinanji'e homb'ama'e ze nisongo amy
talè'ey, le hoe ty asa'e amy valoha'ey: Fire ty songo'o amy talèko? [6] Le hoe re:
Solike zato fañaranañe. Le hoe re ama'e: Masika! rambeso o takelan-tsongo'oo le
miambesara, sokiro ty hoe: limampolo. [7] Le hoe ka re ami'ty raike: Fire ty songo'o?
le hoe re: Ampemba zato gony. Hoe ka ty asa'e: Ingo, rambeso o takela'oo, le
valom-polo ty isorata'o. [8] Aa le rinenge' i bei'ey i mpamandroñe tsy jefa'ey, amy
t'ie nampiboake hilala; toe mahilala amy tarira'ey o ana' ty voatse toio te amo anan-
kazavañeo. [9] Le hoe raho ama' areo: Paiao rañetse arè amo vara tsy vokatseo,
soa te ie milesa, ro mbe ho rambeseñe amo anjomba nainai'eo amy hamodoañey.
[10] Ze vañom-po ami'ty kede, ho vañom-po ami'ty bey; ze tsy to ami'ty kede tsy
ho to ami'ty bey. [11] Aa naho tsy malili-po amo vara tsy vokatseo nahareo, ia ty
hampamandroñe anahareo o vente'eo. [12] Le ie tsy vañoñe ami'ty vara' ondaty, ia ty
hanolots' anahareo ty anahareo? [13] Tsy eo ty mpitoroñe maha-fitoron-droe; ho heje'e
ty raike vaho hikokoa'e ty raike; ke ho rañete'e ty raike vaho ho rihie'e ty raike. Tsy
mahafitoroñe an' Andrianañahare naho o varao nahareo. [14] Ie nahajanjiñe i hoe
zay o Fariseoo, kanao mpitea-drala, le nikizak' aze. [15] Aa hoe ty nanoa'e: Mpaniom-
batañe am' ondatio nahareo; fe arofoanan' Añahare ty arofo' areo, amy te ze atao'
ondatio ho vara ro tiva am-pivazohoan' Añahare.

[16] Pak' amy Jaona naho o Mpitokio t'i Hake; namototse henane zay le tseizeñe
i Fifehean'Añaharey, vaho fonga mifanisike hizilik' ao; [17] haivañe ty hihelaña' i
likerañey naho ty tane toy ta ty hamaohañe ndra ty pininìten-tsokitse amy Hake
ao.

### *Sara-baly*

[18] Ze mañary valy hañenga ty hafa ro mañarapilo; vaho mañarapilo ka ty mañenga
rakemba narian-dahy.

### *Ty Mpañaleale naho i Lazarosy*

[19] Teo ty mpañaleale, mpisaron-tsarimbo malò-mavo naho leny matify, ni-
aiñañoleñañe an-kafalefaleañe handro an-kandro. [20] Teo ka ty rarake atao Lazarosy,
atseke bae, nakonenak' añ'ila' ty lalambei'e eo, [21] le naina'e te hitsimoke ty nifitafita
am-pandambaña' i mpañalealey, te mone o amboao ro nomb' ama'e nitsela o
bae'eo. [22] Ie nihomake i rarakey, le nente' ty anjely mb'añ'araña' i Abraàme añe;
nihomake ka i mpañalealey, le nalenteke. [23] Ie nanoen-tsamporerak' an-tanen-dolo
ao i mpañalealey le niandra vaho nahatalake i Abraàme rekets' i Lazarosy añ'araña'e
eo, [24] vaho nikoiha'e ty hoe: O aba, Abraàme, tretrezo, ehe ampihitrifo t'i Lazarosy
handò ty lengon-drambo-pità'e an-drano hampanintsiñe ty lelako; fa loho malovilovy
raho añ'afo mirebareba atoy. [25] Fa hoe ty natoi' i Abraàme: O anake, tiahio te
hene niazo'o o raha fanjakao ihe mbe niveloñe, fa raty ka ty niazo' i Lazarosy;
ohoñen-dre henaneo te ihe malovilovy. [26] Likoare' i hoe zay, najadoñe añivon-
tikañ' ey ty herakerake jabajaba tsy lefe ty atoy tsaheñe mb'ama'areo ao vaho tsy
hahatsake mb'ama'ay mb'etoy ka ty boak' ey. [27] Le hoe re: Aa naho zay ry raeko,
mihalaly ama'o: ampihitrifo mb' añ' anjomban-draeko mb'eo, [28] fa lime ty rahalahiko
hitaroñañe, tsy mone ho avy am-peh' ohatse atoy. [29] Aa hoe t'i Abraàme tama'e: Am'
iareo t'i Mosè naho o Mpitokio; ampitsendreño. [30] Le hoe ka re: Aiy! ry aba Abraàme;
fa naho mb' am' iereo mb'eo ty mivañom-beloñe, le tsi-mete tsy hisoloho. [31] Hoe re
tama'e: Naho tsy haoñe' iereo t'i Mosè naho o Mpitokio, le tsy hahafiato ka ndra te
eo ty mivañom-beloñe boak' an-kavilasiy.

# 17

1 Le hoe re amo mpiama'eo: Tsi-mahay tsy ho avy avao ty mampitsikapy fa hankàñe
ami'ty 'ndaty namalañe aze! 2 Hamake te anampezam-bato fandisanañe ty fititia'e
vaho ajoroboñe an-driak' ao, ta t'ie hanirìka ty raik' amo kedekede retoa.
3 Mitaòa! Ie anaña'o hakeo ty rahalahi'o, endaho, le iheveo t'ie misoloho. 4 Ie
mandilatse ama'o im-pito ami'ty andro raike, fe mibalike impito hihalaly ama'o
manao ty hoe: Misoloho raho. Le iheveo. 5 Le hoe ty asa' o Firaheñeo amy Talè:
Tompeo o fatokisa'aio. 6 Tinoi' i Talè ty hoe: Ndra te kede manahake ty voam-baro
ty fatokisa' areo le ho saontsie' areo o lamonty eroañeo ty hoe: Miromata le miketsà
an-driak' añe, le hanoe'e.
7 Ia ama'areo, te amam-pitoroñe miava ndra miarak' añondry, ie mimpoly boak'
an-tetek' añe ro hanoa'e ty hoe: Mb'etoa, miambesara, mikamà? 8 Te mone, inao ty
hanoa'o: Halankaño o hanekoo, midiaña, le atrao raho ampara' te nihinañe naho
ninoñe; zay rehe vaho hihinañe naho hinoñe. 9 Handriañe'e hao i mpitoroñe nanao
i nandilia'eiy? 10 Aa inahareo ka, ie fa nañeneke ze hene nandiliañe, anò ty hoe:
Mpitoroñe tsy jefa'e zahay, ty nandiliañ' anay avao ty nanoe'ay.

### *Ty Angamae Folo.*

11 Ie nionjoñe mb'e Ierosaleme mb'eo, le nioza añ'efe-tane' i Samaria naho i Galilia
naho 12 nizilik' an-drova ao vaho nifanalaka' ty angamae folo lahy, nijohañe ey
13 nampipozake ty hoe: Ry Iesoà, Tale, ferenaiño zahay. 14 Nivazoho'e le nanoa'e
ty hoe: Akia, miboaha amo mpisoroñeo. Aa ie mbe nihitrike mb'eo le nijangañe.
15 Aa naho nirendre' ty raik' ama'e t'ie nalio le nibalike nampipoñake renge aman'
Añahare, 16 naho nihohoke, laharañ' am-pandia, nañandriañe; nte-Samaria indatiy.
17 Le hoe ty ontane' Iesoà: Tsy songa nilioveñe hao i folo lahy rey? Aia ty sive?
18 Tsy nahatendreke raike hao ty hibalike handrenge an' Andrianañahare naho tsy
ty ambahiny toy? 19 Le hoe re tama'e: Mitroara, mañaveloa, fa nahajangañe azo o
fatokisa'oo.

### *Ty Fitotsaha'e Indraike Mat 24.23-28, 37-41*

20 Teo te, nañontane aze o Fariseoo ty hitotsaha' i Fifehean' Añaharey; le hoe ty
natoi'e: Tsy tendre-biribiry ty hivotraha' i Fifehean' Añaharey; 21 tsy eo ty hanao ty
hoe: Indroke ie! ndra, Intiañe! Fa toe ama'areo ao i Fifehean' Añaharey.
22 Le hoe re amo mpiama'eo: Ho tondroke ty andro hisalalà' areo hahaisake ty
raik' amo andro' i Ana' ondatiio, fe tsy hahaoniñe. 23 Hoe ty hanoe' iareo. Indrok'
ie! ndra Intiañe! ko mandeha, ko mañorike iareo. 24 Ho hambañe ami'ty helatse
mitsopelatse añ'ila' i likerañey naho mireandreañe pak' añ' ilan-dikerañe eñe ka i
Ana' ondatiy amy andro'ey. 25 F'ie tsi-mahay tsy holàñeñe raha maro hey vaho ho
tsambolitio' ty tariratse toy.
26 Hambañe ami'ty andro' i Noe ty ho oniñe añ'andro' i Ana'ondatiy: 27 nikama
iereo, ninoñe iereo, nañenga valy iereo, le natolotse ho engaeñe iereo pak'
amy andro niziliha' i Noe am-po' i samboiy; tojeha amy zao i haempoempoañe
nañopo iareo iabiy. 28 Hanahake tañandro' i Lota ka: nikama iereo, ninoñe
iereo, nivily naho nandetake iereo, nitongy iereo, nañoreñe iereo; 29 fe tamy andro
niavota' i Lota i Sodoma, le nidoindoiñ' afo aman-tsolifara boak' andindìñe añe,
nampangotomomoke iareo iaby. 30 Ho hambañe amy zay ty andro hisodeha' i
Ana'ondatiy.
31 Amy andro zay, asoao tsy hizotso hangalake ty vara'e añ'anjomba ao ty an-
tafo'e ey; izay ka ty an-tetek'ao, Ee te tsy himpolia'e ze raha ao. 32 Tiahio ty vali'
i Lota, 33 Ndra iaia mipay handromba-piay ro hamoe aze; fe ndra iaia hamoe-piaiñe
ro handrombak' aze. 34 Itaroñako te, Roe ty hitrao-tihy amy haleñey le ho rambeseñe

ty raike naho hadoke ty ila'e. 35 Hitrao-pandisañe ty roe: ho rambeseñe ty raike naho
hapoke ty ila'e.* 37 Le natoi' iareo ty hoe: Aia, Rañandria? Le hoe ty natoi'e: Ami'ty
fate ey ty ivoria' o koàkeo.

# 18

*ty Rakemba naho ty Zizy*

1 Aa le nirazaña'e te tsi-mahay tsy mihalaly nainai'e ondatio fa tsy hilesa; 2 ami'ty
hoe: Teo ty mpizaka an-drova tsy nañeveñe aman' Añahare naho tsy nañaoñe
ondaty. 3 Tamy rovay ty vantotse nitolom-pihose aze ami'ty hoe: Ehe meo to amy
rafelahikoy. 4 Tsy nipaoke hey re, fe an-kaela'e, hoe ty fitsakorean-tro'e: Ndra te
tsy mampiholibalà ahy t'i Andrianañahare mbore tsy mpanoiñ' ondaty, 5 fe ami'ty
fitsoborea' i vantotsey ro hitolorako to tsy mone hamono hakeo ahy ty fibelobelo'e
mb'etoa boak'andro!
6 Tinovo' i Talè ty hoe: Janjiño i saontsim-pizaka kofofoakey. 7 Aa tsy ho
mean' Añahare to hao ondaty jinobo'eo, ie mitoreo ama'e handro an-kaleñe?
Hampandiñisa'e ela hao? 8 Itaroñako te homea'e to masìka. Fa ie amy zao, naho
totsake etoañ' i Ana' Ondatiy, mbe hahatendreke fatokisañe an-tane atoy hao?

*ty Fariseo naho ty Mpamory Vili-loha*

9 Hoe ty nirazañe'e ty amo mpihaboke ho malio tahiñe fe mpañofoke ondatio avao:
10 Teo te nionjom-b'añ' Anjomban' Añahare mb'eo ty roe hiloloke; ty Fariseo vaho
ty mpamory vili-loha. 11 Nijagarodoñe eo i Fariseoy nañosi-batañe ami'ty hoe: O
Andrianañahare, mañandriañ' Azo raho te tsy manahake ondaty ila'eo—o mpisenge
herio, o tsivokatseo, o karapiloo, antsake o mpamory vili-loha roañe. 12 Mililitse in-
droe ami'ty hereñandro vaho fonga ajoko ao ty fahafolo' ze azoko. 13 Nifimpìñe ey ka
i mpamory vili-lohay, tsy nahafiandra-pihaino mb' andikerañey, fa namangovango
aràñañe, nanao ty hoe: Ry Andrianañahare itretrezo fa bei-hakeo. 14 Itaroñako te,
nanjò to indatiy te nizotso mb' an-kiboho'e mb'eo te amy raikey; amy te hareke ze
mirengevoke vaho haonjoñe ty mirèke.

*Mitata Ajaja Mat 19.13-15; Mar 10.13-16*

15 Teo ty ninday anak'ajaja mb'ama'e ho tsapà'e; f'ie niisa' o mpiama'eo le nendahe'
iereo. 16 F'ie kinanji' Iesoà homb' ama'e le nanoa'e ty hoe: Adono homb' amako
mb'etoa o anak' ajajao, le ko sebañeñe; fa ho amy ze hambañ' ama'e i Fifehean'
Añaharey. 17 Eka! to t'itaroñako te tsy hizilik' ao ze tsy mandrambe i Fifehean'
Añaharey manahake ty anak'ajaja.

*Ty Mpañarivo Tòra'e Mat 19.16-30; Mar 10.17-31*

18 Teo ty roandriañe nañontane aze ty hoe: O Talè soa, Ino ty hanoeko handovàko
haveloñe nainai'e? 19 Le hoe t'Iesoà tama'e: Manao akore te zaho ro atao'o Soa? Tsy
eo ty soa naho tsy Raik' avao, i Andrianañahare. 20 Fohi'o o lilio:
Ko mañarapilo, ko mañoho-doza,
ko mikizo, ko manao talily vilañe, miasia an-drae'o naho an-drene'o*?
21 Hoe ty natoi' indatiy: Fa nambenako iaby irezay boak' ami'ty nahakedekedek'
ahiko. 22 Ie jinanji' Iesoà le hoe re ama'e: Mbe poke raha raike rehe: Aletaho iaby o
hanaña'oo le manjarà amo rarakeo, naho hanam-bara andindìñe ao rehe, vaho antao
hañorik' ahy. 23 Ie jinanji' indatiy le nimoremoretse amy te mpañaleale.

* **17:35** 36 Roe ty ho an-tetek'ao, ho rambeseñe ty raike le hapoke ty ila'e. (Mat 24:40) * **18:20** Avo 20:12-16

24 Aa ie nioni' IESOÀ i fiotsora'ey le hoe re: Hatsembohañe ty hiziliham-pañaleale
amy Fifehean' Añaharey! 25 Eka, toe mora ty hampipotirañe tali-randra† an-kirim-
pitrebek'ao ta ty hiloaha' ty mpañaleale am-Pifehean' Añaharey. 26 Aa le hoe o
nahajanjiñeo: Aa vaho ia ka ty mete rombaheñe? 27 Hoe ty natoi'e: Ze tsy lefe'
ondaty, lefen' Añahare.

*Valesoa t'ie Mitifà-bi-mae Mat 6:33, 19.27-29; Mar 10.28-30*

28 Hoe t'i Petera: Vazohò! hene nafoe'ay naho nanonjohy Azo. 29 Le hoe re am'
iereo: Eka! to t'itaroñako te, tsy eo ty nampidoñ' anjomba ndra roae ndra roahalahy
ndra valy ndra keleiañe ty amy Fifehean' Añaharey, 30 ty tsy handrambe mandikoatse
an-tsà zao vaho haveloñe nainai'e amy sa tsy ho modoy.

*ty Mafaitse naho ty Mamy Mat 20.17-19; Mar 10.32-34*

31 Natola'e amy zao i folo ro' amby rey vaho nanoa'e ty hoe: Inao, mionjomb'e
Ierosaleme mb'eo tika le ho heneke ze pinate' o mpitokio ty amy Ana'ondatiy. 32 T'ie
hafotetse am-pità' o kilakila ondatio ho kobiheñe, ho terateraeñe naho handroràñe,
33 le ho lafaen-karavantsy vaho havetrake. F'ie hivañom-beloñe ami'ty andro
fahatelo. 34 Tsy napota' iareo i hoe zay, ndra loli'e, fa naetake am' iareo i saontsy
zay le tsy nifohiñe i enta'ey.

*I Goay Mat 20.29-34; Mar 10.46-52*

35 Aa ie nitotoke i Hieriko, teo t'indaty fey nitozòk' añ'olon-dalañe ey nangatake.
36 Tsinano'e ty fandrioña' i lahialeñey, le nañontanea'e ty lengo'e, 37 vaho nanoañe
ty hoe: Miary ey t'IESOÀ nte-Nazareta. 38 Le nikoiha'e ty hoe: Ry IESOÀ, ana' i Davide,
tretrezo raho. 39 Nendaha' o mpiaoloo re hampianjiñ' aze, fe antsake t'ie nikoike ty
hoe: Ry ana' i Davide, Iferenaiño! 40 Le nijohañe t'IESOÀ vaho nampindese'e mb'
ama'e. Ie narine, le nañontanea'e 41 ty hoe, Ino ty tea'o hanoeko? Le hoe re: O
Rañandria, ty hahatreavako. 42 Hoe t'IESOÀ tama'e, Mahaisaha, fa nampibeak' azo ty
fatokisa'o. 43 Nahatrea amy zao re vaho nañorik' aze nañonjoñe an' Andrianañahare,
ie hene nahaisake zay i màroy le nandrenge i Abo-Tìañe.

# 19

*I Zakaiosy*

1 Ie tafazilike t'IESOÀ le ho niranga Ieriko, 2 fe inge t'indaty atao Zakaiosy, bei' o
mpamory vili-lohao, toe mpañaleale, 3 nipay handrendreke IESOÀ, fa aia te ho nimete
amy lahialeñey, ie nibory. 4 Aa le nihitrihitry mb'aolo ey re nanganike sakoañe
hahaisake, ie hiary mb'eo. 5 Aa naho nitandrifea' IESOÀ, le niandra naho niisa'e vaho
nanoa'e ty hoe, O Zakaiosy, masikà! mizotsoa, fa tsi-mahay tsy hiantraño ama'o raho
te anito. 6 Nihavoa re, nizotso naho nampihovae'e añ' anjomba'e ao an-kaehake.
7 Ie nahaisake, le niñeoñeoñe ty hoe i maroy: Nizilike ao re hiambahiny ami'ty
ondaty beihakeo. 8 Fe niongake t'i Zakaiosy nanao ty hoe amy Talè: Intoa, Rañandria,
hatoloko amo rarakeo ty an-tsasa' o fanañakoo; aa naho eo t' indaty nidramoteko le
havahako in-empatse. 9 Le hoe t'IESOÀ tama'e: Anindroany te nizilik' ami'ty anjomba
toy ty famotsorañe, amy t'ie ka ro amori' i Abraàme. 10 Ty hitsoeke naho hañaha o
rerekeo ty nivotraha' i Ana'ondatiy atoy.

*ty Tsanganolo Folo Mat 25.14-30*

11 Ie nahajanjiñe izay iereo, le nitovoña' IESOÀ fandrazañañe amy te nitotoke
Ierosaleme naho natao' iereo te hatsatoke aniany i Fifehean' Añaharey, 12 hoe re,
Teo ty ana-donake nañavelo mb' an-tane añe, handrambe fifeheañe, vaho himpoly.

† **18:25** Gr: rameva fa niota am-pandikañe

13 Aa le kinanji'e ty mpitoro'e folo, nitinolora'e tsanganolo folo vaho nanoa'e ty
hoe, Manoa balike ampara' ty fimpoliko. 14 Ie amy zay, nalaiñe aze o boriza'eo
vaho nampihitrife' iereo ty hañorik' aze mb'eo hanao ty hoe: Tsy no'ay itìañe te
hifehe. 15 Aa ie tafampoly, naho fa ama'e i fifeheañey, le nampikanjie'e i mpitoroñe
nitolora'e i volay rey hahafohiñe ty niazo' iereo an-takinake. 16 Avy ty valoha'e
nanao ty hoe: O Rañandria, fa nitovoñe tsanganolo folo i tsanganolo'oy. 17 Le hoe
re tama'e: Fanjaka, ry mpitorom-bañoñeo, kanao nalili-po ami' ty pininio'e rehe,
mifeleha rova folo. 18 Avy ka ty faharoe nanao ty hoe: O Rañandria, nitovoñe
tsanganolo lime i tsanganolo'o rey. 19 Le hoe re tama'e: Mamehea rova lime ka.
20 Pok'eo ka ty raike, nanao ty hoe: O Rañandria, intia i tsanganolo'oy fa nakafiko
ami'ty masoara. 21 Toe nañeveñako fa ondaty sarots'arofo: Mandrambe ty tsy nado'o,
naho manifo ty tsy nitongise'o. 22 Aa hoe re ama'e: O vava'oo ty hizakako azo, ty
mpitoroñe tembo tia, toe napota'o t'ie mpidiby, mandrambe ty tsy napoko, naho
mitatake ty tsy nandrarahako; 23 Aa vaho akore te tsy napo'o amy bankey i dralakoy,
hangalako rekets' ana'e amy fibalikoy? 24 Le hoe re amo nijohañeo: Rambeso ama'e
i tsanganoloy le atoloro amy aman-tsanganolo foloy. 25 (Aa hoe ty lie' iareo: O
Rañandria, ie amam-bogady folo!) 26 Itaroñako te mbe ho tolorañe ty manañe;
fe hapontañ' amy tsy manañey ndra ze ama'e. 27 Aa naho i rafelahiko nalaiñe ty
hameheako rey, endeso mb'etoa, zamano añatrefako eo.

### *Ty Figodañañe an-dRebeke Mat 21.1-9; Mar 11.1-10; Jao 12.12-19*

28 Ie fa nitsara, le niaolo am-pionjonañe mb'e Ierosaleme mb'eo. 29 Aa naho
nitotoke i Beit-Pagè naho i Betania ami'ty vohitse atao Oliva eo re, le nirahe'e ty
mpiama'e roe 30 ami'ty hoe: Akia mb' an-tanañe ey hoek'ey; ie mimoak' ao, le
hahaisake ty ana-borìke mirohy, mbe tsy niningira' ondaty; idraito le endeso mb'atoa.
31 Lehe eo ty mañontane ty hoe: Ino o añaha' areo azeo? Le anò ty hoe ama'e: Ipaia'
i Talè. 32 Niongak' amy zao i nampihitrifeñe rey vaho nizoe' iereo hambañe amy
sinaontsi'ey. 33 Aa ie nañaha i ana-borìkey, le hoe o tompo'eo: Inoñe ty ampidraita'
areo o ana-borìkeo? 34 Ipaia' i Talè, hoe iereo. 35 Le nasese' iereo mb' amy Iesoà
mb'eo, naho nalama' iereo amy ana-borìkey o lamba' iareoo, vaho niningira' Iesoà.
36 Ie nañavelo le nandafike saroñe an-dalañe ey iereo. 37 Aa naho nitotoke, toe fa
am-pizotsoa' i vohitse olivay, le fonga nirebeke o mpiama'e maroo, nandrenge an'
Andriananañahare, nipoña-peo ty amo hene raha tsitantane niisa' iareoo 38 ami'ty hoe:
Andriañeñe ty Mpanjaka mitotsak' ami'ty tahina' Iehovà!
Fierañerañañe andindìñe ao, vaho
engeñe Andindimoneñe ey!*

39 Aa le hoe ty nanoa' o Fariseo ila'e boak' amy valobohòkeio: O Talè, endaho o
mpiama'oo. 40 Fe hoe ty natoi'e: Itaroñako t'ie mianjiñe, le o vatoo ty hikoikoike.

41 Ie nañarine naho nahatalake i rovay, le niroveta'e, 42 ami'ty hoe: Aa naho
nahafohin-drehe, ndra androany, ty hampanintsiñe azo! f'ie mietak' am-pihaino'o
henaneo. 43 Fa hihavia' ty andro hampitroara' o rafelahi'oo fefe-tane hamalavala
azo naho hiarikatok' ama'o, vaho havoeboe'e mb'etia mb'atia. 44 Le hadasi' iareo
an-taneo, ihe naho o keleia'o ama'oo, le tsy hengàñe ama'o ty vato raike ambone' ty
ila'e, amy te tsy nirendre'o ty andro nitilihañ' azo.

### *Nampimisomisoa'e i Anjomba'ey Mat 21.12; Mar 11.15-17*

45 Ie nimoak' an-Toe Masiñ' ao le nata'e soike o mpanao balikeo naho o mpikaloo
46 nanoa'e ty hoe: Inay ty pinatetse:
Anjombam-pitalahoañe ty anjombako toy,†

---

* **19:38** Sab 118:26; Mat 23:39 † **19:46** Ies 56:7

f’ie nanoe’ areo
lakato fietaha’ ty malaso‡.
[47] Ie nañoke boak’ andro añ’ Anjomban’ Añahare ao, le nikililу hañè-doza ama’e
o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio vaho o roandriañeo; [48] f’ie tsy nahaoniñe ty
hanoeñe, fa ama’e iaby ondatio nitsatsike o saontsi’eo.

*Ty Filoloha’e naho ty Lili’e Mat 21.23-27; Mar 11.27-33*

# 20

[1] Teo amy andro rezay, ie nañoke ondatio añ’Anjomban’ Añahare ao naho nitaroñe
i talili-soay, te nimb’ ama’e mb’eo o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio mitraoke
amo roandriañeo, [2] nañontane aze ty hoe: Isaontsio: Lily hirik’ aia ty anoe’o o raha
zao? ke Ia ty nanolots’ Azo o lily zao?
[3] Aa le hoe ty natoi’ Iesoà: Hañontaneako raha raike hey, le isaontsio: [4] ty filipora’
i Jaona—boak’ andindìñe añe hao ke hirik’ am’ ondaty? [5] Aa hoe ty vesoveso’ iareo:
Naho ataontika t’ie nihirik’ andindiñ’ao, le hatoi’e ty hoe: Aa manao akore t’ie tsy
niantofa’ areo? [6] Fe naho ataontika ty hoe: Boak’ am’ondatio: le hene hametsa-bato
aman-tika ondatio ie miantoke te nimpitoky t’i Jaona. [7] Aa le tinoi’ iereo te tsy fohi’
iareo ty nihirifa’e. [8] Le hoe t’Iesoà tam’iereo, Tsy hitaroñako ka ty lily anoeko o raha
zao.

*Ty Tompo’ ty Tonda Fandeorañe*

[9] Namototse nandrazañe talily raike ka re am’ ondatio, Teo t’indaty nañalahala
tetem-bahe le nafondro’e ami’ty mpiava; le nañavelo mb’eo vaho nitambatse añe.
[10] Ie an-tsa’e, nirahe’e ty mpitoroñe homb’ amo mpiavao hitolora’e amy voka’ i tetem-
bahey, f’ie trinabotrabo’ o mpiavao vaho nampolie’ iereo mañomaño. [11] Nañiraha’e
mpitoroñe raike ka, f’ie linafa’ iereo naho nampisilofeñe vaho nampolie’ iereo hara’e.
[12] Mbe nañirake ty fahatelo’e: f’ie namonotrobo’ iereo vaho nanao soike aze. [13] Le
hoe ty tompo’ i tanem-bahey: Inoñ’ arè ty hanoeko? Hiraheko mb’eo ty anak’ isoko;
ie oni’ iereo, le va’e himeñara’ iareo maso. [14] Fa ie nitalake’ o mpiavao, le nikinia ty
hoe, Intike i mpandovay antao hañè-doza ama’e, le ho antika i lovay. [15] Aa le nafetsa’
iereo alafe’ i tondam-bahey re vaho vinono’ iereo. Inoñe henaneo ty hanoa’ i tompo-
tetem-bahey? [16] Ho mb’eo re hanjamañe o mpiavao vaho hatolo’e am’ ondaty ila’eo
i tetem-bahey. Ie nirendre’ ondatio zay le hoe ty asa’ iareo: Hete! Sondia’e any!
[17] Nitolik’ am’iareo t’Iesoà le nanao ty hoe: Abejaño arè i pinatetse ami’ty hoey:
I vato nado’ o mpamboatseoy ty ninjare fehe-kotsoke.*
[18] Dorodòro ze mideboñe amy vato zay; le ho demohe’e ze igodoiña’e.

*Nandietse Haba Mat 21.45, 46; 22.15-22; Mar 12.12-17*

[19] Te ho nitsepak’ aze amy ora zay o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio, fe
napota’iareo t’ie ty nitalifira’e i ohatsey le nimarimariheñe i lahialeñey; [20] Aa le
nivoñone’iereo naho nañirake mpitampoñe hihaboke havañonañe, hitsepak’ aze
ami’ty tsara’e hanesea’ iereo ami’ty hery naho ty lili’ i ragovay. [21] Le hoe ty
nañontanea’ iareo: O Talè, fohi’ay te to o saontsi’oo naho ty fanoroa’o, naho tsy
eo ty irihia’o, vaho mahity ty fitaroña’o i satan’ Añaharey. [22] Aa vaho Hake hao ty
androroña’ay amy Kaisara ke tsie?
[23] Niarofoana’ Iesoà ty hakalitaha’ iareo vaho nanoa’e ty hoe: Ino ty itsoha’ areo
ahy? [24] Itoloro drala raike, Sare’ ia naho tahina’ ia ro ama’e eo? A i Kaisara, hoe
iereo. [25] Le hoe t’Iesoà am’ iereo: Atoloro amy Kaisara arè ze a i Kaisara vaho an’
Andrianañahare ze an’ Andrianañahare. [26] Aa le tsy eo ty nahatsepak’ aze amo
saontsi’eo añatrefa’ ondatio. Toe nahavereñe iereo i toi’ey, vaho nianjiñe.

‡ **19:46** Irm 7:11 * **20:17** Sab 118:22

*Mpandietse amy Fivañom-beloñey Mat 22.23-32; Mar 12.18-27*

27 Niheo mb'ama'e o Tsadoke ila'eo; o tsy miantoke o fivañonan-ko veloñeoo, le hoe
ty nañontanea' iareo: 28 O Talè, sinoki' i Mosè aman-tika te, naho vilasy ty rahalahi'
ondaty amam-baly, ie mivetrake tsy aman' anake, le soa te hengae' i rahalahi'ey
i ramavoiñey, hisamake, hameloñe tabiry ho a i rahalahi'ey.† 29 Aa le teo ty fito
miroahalahy. Ty valoha'e nañenga valy fe nikoromake tsy aman-tiry, 30 naho ty
faharoe; 31 vaho nengae' ty fahatelo ka; manahake zay, songa nihomake i roahalahy
fito rey fe tsy nampipoke anake. 32 Honka'e, nivilasy ka i rakembay. 33 Aa vaho ia ty
ho vali' i rakembay amy fivañonan-ko veloñey kanao songa nañenga aze ho vali'e i
fito rey?

34 Hoe ty natoi' IESOÀ: Mañenga valy naho engaen-dahy o ana' ty tane toio. 35 F'ie
volilien-ko mañeva hitakatse i haveloñey naho i fivañonam-beloñey, le tsy hañenga
valy naho tsy hanoloram-baly, 36 vaho tsy hihomake ka, fa hanahake o anjelio, mbore
ho anan' Añahare kanao ana' i fivañonan-ko veloñey. 37 Le i fivañonam-beloñey, ie
i natoro' i Mosè amy talili' i rongoñey, te nikanjia' IEHOVÀ ami'ty hoe :

Andrianañahare' i Abraàme, naho
Andriananañahare' Isaka, vaho
Andriananañahare' Iakobe.‡

38 Ie tsy Andriananañahare' o vilasio fa a o veloñeo, amy t'ie kila veloñe ama'e.

*Ty Ontane'e amo Mpanoki-dilio Mat 22.41-46; 23.14; Mar 12.35-40*

39 Aa le tinoi' o mpanoki-dily ila'eo ty hoe: O Talè, vantañe o saontsi'oo. 40 Nifototse
amy zay, tsy eo ty nahavany ontane ama'e ka. 41 Le hoe t'IESOÀ am'iereo: Aa vaho
akore te saontsieñe te tiri' i Davide i Norizañey? 42 Amy te toe sinaontsi' i Davide
amy boken-Tsaboy ty hoe:

Hoe t' IEHOVÀ amy TALÈkoy:
Mitoboha an-kavanako etoañe,
43 Ampara-panoako fitongoam-
pandia'o o rafelahi'oo.§

44 Aa kanao natao' i Davide, TALÈ, re, ino ty maha-tiri'e aze?

45 Hoe t'IESOÀ amo mpiama'eo añtrefa' i lahialeñey: 46 Itaò o mpanoki-dilio, ie
mpidraidraitse an-tsarimbo mirebarebao, mpipay ty hañontanea' ondaty an-tsena
ao, mpitea ty fiambesa-tsoa am-pitontonañe ao hiagaregañe, naho ty tihy aolo amo
sabadidakeo 47 mbore mpitavañe o trañom-bantotseo vaho loho mpipay tsiriry amo
filolofa' iareo mitoitoio. Hekoheko ty fatse am'iereo.

# 21

*Ty Enga' i Vantotsey*
*Mar 12.41-44*

1 Aa ie niandra, nahavazoho mpañaleale nampigodrom-bola amy fanontonan-
dralay; 2 nioni'e ka ty vantotse rarake nampijoñe drala roe. 3 Le hoe re: Eka! to
t'itaroñako te bey ty nengae' ty vantotse misotry tia te am' iabikey; 4 fa ami'ty habeim-
panaña' iareo ty nampijoña' iareo am-panontonam-baran' Añahare ao; fe ami'ty
harotà'e ty nampibiroña'e ty sehangam-piveloma'e.

*Ty Ontane Roe*
*Mat 24.1-3; Mar 13.1-4*

5 Teo te nivesovesoe' ty ila'e i Anjomban' Añaharey, t'ie nihamineñe vato soa
naho ravoravo; le hoe re: 6 Ty amo raha isa' areoo, mbe ho tondroke ty andro tsy
hampidonañe vato raike ambone' ty ila'e ze tsy haretsak' ambane. 7 Le nañontanea'

† **20:28** Its 25:5 ‡ **20:37** Avo 3:6 § **20:43** Sab 110:1

iareo ty hoe: O Talè, mbia t'ie ho tendreke? Le inoñe ty ho viloñe hiaolo ty
hifetsaha'e?

### *Ty Fiavi' Iesoà Mat 24.4-13; Mar 13.5-13*

8 Le hoe re: Asoao tsy hampandridriheñe. Fa maro ty ho pok'eo hieva ty añarako,
hanao ty hoe: Zaho ty ie, naho ty hoe: Fa antitotse i àndroy. Ko oriheñe. 9 Ie mitsanoñ'
aly ndra fivalitaboahañe, ko vorombelo; fa tsi-mete tsy ho avy hey zay, fe mbe tsy
aniany i hamodoañey. 10 Le hoe re am'iereo: Fifelehañe ty hitroatse hiatre-pifelehañe
naho fifeheañe ty hiatre-pifeheañe. 11 Ho an-koe an-koe ty ezeñezen-tane jabajaba
naho san-kasalikoañe vaho hiboake eo ty raha mampirevendreveñe naho ty viloñe
ra'elahy hirik' andindìñe añe.
12 Fe aolo' irezay, ho tsepahem-pità' iareo nahareo, hanoeñe samporerake naho
hasese am-pitontonañe naho ambalabey ao vaho hampiatrefeñe mpanjaka naho
roandriañe ty ami'ty añarako. 13 F'ie hivalike ho fitaroña' areo. 14 Aa le ampifahàro
añ' arofo'areo te tsy hisafiry miaolo ze hatoi' areo, 15 amy te homeiko falie naho
hihitse tsy ho lefe' ty rafelahi' areo toiñeñe ndra rebaheñe. 16 Le hifotetse ama' areo
o raeo naho o rahalahio naho o longoo vaho o rañetseo le havetrake ty ila'areo.
17 Ho heje' ze kila ondaty nahareo ty ami'ty añarako. 18 Fe tsy ho po-maròy raike o
añambone'areoo. 19 Ty fahaliñisa'areo ro fandrombaham-piaiñe.

### *Ty Hangotomomohañe Ierosaleme Mat 24.15-21; Mar 13.14-19*

20 Aa naho isa' areo te arikoboñen-dahin-defoñe t'Ierosaleme; le maharendreha
te an-titotse ty hampangoakoaheñ' aze 21 Ee te hivoratsake mb'am-bohitse eñe o e
Iehodào, naho hitriban-day ze e Ierosaleme ao vaho tsy hizilik' ao o am-pariparits'
añeo. 22 Zay o andro fandilovañeo hañenefañe ze hene pinatetse. 23 Hekoheko ho
ami'ty mivesatse naho ty mampinono amy andro rezay! Fa haoream-bey ty hizò
amy Taney vaho haviñerañe am'ondaty retoa, 24 ie hatsingoron-delam-pibara naho
ho tantalieñe am-bozo-tali-am-baniañe mb' amy ze kila tane añe vaho ho lialià' o
kilakila 'ndatio t'Ierosaleme ampara' te heneke ty sa' o kilakila ondatio.

### *Ty Fiavy Faharoe Mat 24.29-31; Mar 13.24-27*

25 Le hiboak' amy androy naho amy volañey naho amo vasiañeo ty viloñe
vaho halovilovy am-pioremèñañe o fifeheañeo ty amy fitroña' i riakey naho ty
fivalitaboaha'e; 26 ho tsipike ty anifañe ondatio ami'ty fahaoniña'e o hifetsak' an-tane
atoio; le hampihendrahendraeñe o haozaran-dikerañeo.* 27 Ho oni' iereo mitotsake
mb'eo amy zao amo rahoñeo eñe an-kaozarañe naho engeñe ra'elahy i Ana'ondatiy.
28 Ie mamototse hiboake, le mijohaña naho miandradrà, fa an-titotse ty fijebañañe
anahareo.

### *Famantarañe Mat 24.32-35; Mar 13.28-31*

29 Le hoe ty nandrazaña'e: Hehe o sakoañeo naho ze hene hatae. 30 Ie mibotiboty
le inao te an-titotse ty lohataoñe. 31 Hoe zay ka te isa'areo ty fifetsaha' o tsaraeñeo
le fohino te mitotoke i Fifehean' Añaharey. 32 Eka! to t'itaroñako te tsy ho kapioke
ty tariratse toy naho tsy heneke hey irezay. 33 Himiañe añe o likerañeo naho ty tane
toy, fe tsy ho modo o volakoo.

### *Mihalalia Nainai'e Mat 24.36-44; Mar 13.32-37*

34 Mitaoa, tsy mone ho lifore' ty hatea-haneñe naho ty hajìke vaho ty hasosorañe
amo haveloñe zao ty arofo, hera hitojeha ama' areo i andro zay, 35 toe hanahake
fandri-bò ty hivovoa'e amy ze hene mpimoneñe an-tane atoy amy andro zay. 36 Aa
le mitaòa naho mihalalia nainai'e t'ie hañeva handrife amo fonga hifetsakeo vaho
hijohañe añatrefa' i Ana'ondatiy.

---

* **21:26** Kag 2:6, 21

37 Nañoke an-kiririsan’Anjomban’ Añahare eo re boak’andro; f’ie haleñe, nienga
mb’eo niambesatse am-bohi’ Oliva ey. 38 Naho mbe nangararak’ atiñanañe le
nitontoñe hijanjiñe aze añ’ Anjomban’ Añahare ao i lahialeñey.

# 22

*Nifotereñe*
*Mat 26. 1-5; Mar 14.1-11*
1 Ie fa antitotse ty Sabadida-Mofo-tsy-aman-dalivay, i atao Fihelañey le 2 nipay
hanao afero mamitak’ ate amy IESOÀ o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio, fe
nimarimariheñe i lahialeñey.
3 Ie amy zao, nitsamoahe’ i mpañìnjey ty tro’ i Jodasy (ty atao nte-Kariota), mpiamy
folo ro’ amby rey. 4 Aa le nimb’ amo mpisorom-beio naho o kapitenio re nikilily ty
hanolora’e IESOÀ. 5 Niehake iereo, naho nisafiry t’ie hitoloran-drala. 6 Le niantofa’e,
vaho nandiñe ty hamotets’ aze am’ iereo, ie tsy amy lahialeñey.

*Nañalankañe*
*Mat 26.17-19; Mar 14.12-16*
7 Tondrok’ amy zao ty Sabadida-Mofo tsy aman-dalivay, ty andro fandentàñe i
Fihelañey. 8 Le nirahe’e t’i Petera naho i Jaona ami’ty hoe: Akia, halankaño i
Fihelañey ho kamaen-tikañe. 9 Hoe iereo tama’e: Aia ty zoto’o hañajariañe aze?
10 Hoe ty natoi’e: Ie mizilik’ an-drova ao nahareo le hifanojo ami’ t’indaty minday
siny pea rano; oriho mb’an-traño imoaha’e ao. 11 Le anò ty hoe amy tompon’
anjombay: Hoe t’i Talè ama’o: Aia ty trañon’ ambahiny hitraofako fikama ty
Fihelañe toy amo mpiamakoo? 12 le ho toroa’e traño mitratrañàka am-batsa vory
haraotse; halankaño ao. 13 Nienga iereo, nahaoniñe hambañ’ amy tsinara’ey vaho
nañalankañe i Fihelañey.

*Mitrao-Pikama Mat 26.20, 29; Mar 14.17-25*
14 Ie tondroke i oray, le niambesatse re naho o Firàhe’eo. 15 Le nanoa’e ty
hoe: Nisalala hikama ty Fihelañe toy raho mindre ama’ areo aolo’ ty haoreako.
16 Itaroñako te, tsy ihinanako ka, ampara’ ty hifonira’e am-Pifehean’ Añahare
ao. 17 Rinambe’e ty fitovy le nañandriañe nanao ty hoe: Rambeso toy, ifanjotsò,
18 Itaroñako te tsy hinomako ka ty voa’ i vahey henàne zao ampara’ te tendreke i
Fifehean’ Añaharey.

*Fañina Nivaoeñe Mat 26.26-28; Mar 14.22-24*
19 Nandrambe mofo re le nañandriañe naho nifolahe’e vaho nazotso’e am’iereo
ami’ty hoe: Intoy ty vatako banabanaeñe ho anahareo, anò zao ho fitiahiañe ahy.
20 Hoe zay ka i fitoviy, ie fa nikama, nanao ty hoe: Ty fitovy toy ro fañina nivaoeñe
ami’ ty lioko nadoañe ho anahareo.

*Mitoky i Hifotetse azey*
21 Le hehe te mindre an-tañako am-pandambañañe etoañe ty fitañe hifotetse ahiko.
22 Toe hitoronjo amy nilaharañey i Ana’ondatiy; fe hankàñe am’ indaty mifotetse
azey! 23 Aa le hene nifañontàne te ia am’ iereo ty hanao zay.

*Mialy Habey*
24 Mbore nialy vava te ia am’ iereo ty atao loha’e. 25 Le hoe t’IESOÀ am’ iereo:
Manindritindry o kilakila’ ondatio ty mpanjaka’ iareo, mbore tokaveñe ty hoe
matarike o mpifele’ iareoo. 26 F’ie tsy hanahake zay, fa hanahake an-jai’e ty bey
ama’areo, naho hoe te mpitoroñe ty mpifehe. 27 Aa ia ty bey, i miambesatse am-
pandambaña eoy, ke ty manjotso? Tsy i miambesatse mikamay hao? Fe mitraoke
ama’ areo raho hoe te mpitoroñe. 28 F’inahareo ro nipitek’ amako amo fañolañ’ay

nizoeñeo, 29 le hifañinako manahake ty fifeheañe nifañinan-dRaeko amako, 30 soa te
hikama naho hinoñe am-pandambañako am-pifeheako ao nahareo vaho hiambesatse
am-piambesan-droandriañe eo hizaka i fifokoa' Israele folo ro' amby rey.

### *Hanao Jebe aze t'i Petera Mat 26.31-35; Mar 14.27-31; Jao 13.36-38*

31 O Simona, Simona, toe nangatahe' i Ratiy amako rehe ho tsararahe'e hoe lilañe,
32 fe ihalaliako, te tsy hilesa ty fatokisa'o; le ihe mitampoly, ampahozaro o rahalahi'oo.
33 Le hoe ty natoi'e aze: O Talè, veka'e hindre ama'o raho ndra ho am-balabey ndra ho
an-kibory ao. 34 Hoe t'Iesoà: Taroñeko ama'o, Petera, Mbe tsy hikoike i akoholahiy*
te anito t'ie fa nanao jebe ahy in-telo.

### *ty Aly ho Avy*

35 Le hoe re am' iereo: Ie niraheko tsy aman-koro tsy aman-kotrañe tsy aman-
kana; ino ty tsy niheneke ama' areo? Leo raike, hoe iereo. 36 Aa le hoe re tam'
iereo: Henaneo, ze aman-koroñe, endeso, izay ka ty kotrañe; le ze tsy amam-pibara
ro handetake ty sarimbo'e hikaloa'e. 37 Itaroñako te tsi-mete tsy henefañe amako ze
pinatetse ty hoe,
Nivolilieñe amo tsereheñeo re;†
eka, amam-pirefea'e ka ze hifetsak' amako. 38 Hoe o mpiama'eo, O Talè, intoa ty
mesolava roe. Soa zay, hoe re.

### *Nilolokе e Getsemane Mat 26.36-46; Mar 14.32-42*

39 Le nienga mb'am-bohitse Oliva mb'eo re ami'ty lili'e naho nañorik'aze o
mpiama'eo. 40 Ie an-toetse eo, le hoe re tam'iereo: Mihalalia tsy hivariñe am-
panjiziañe ao.
41 Nihankaña'e va'e tra-torake, nitafatongaleke naho nihalaly 42 ty hoe: O Aba,
naho satri'o, asitak' amako ty fitovy toy, fe tsy ty satriko fa ty Azo ro hanoeñe.
43 Le nisodehañe ama'e ty anjely hirik' andindìñe ao nampaozatse aze. 44 Kanao
nalovolovy, nimanea'e i halali'ey, le hoe fitsopan-dio jabajaba ty liñe'e nipopok' an-
tane eo. 45 Ie nitroatse amy halali'ey le nimb' amo mpiama'eo mb'eo vaho nizoe'e
nirotse ty hontoke. 46 Hoe re am'iereo: Ino ty irota' areo? Miongaha, le milolofa tsy
mone hijoñe am-panjizieñe ao.

### *Nifotere' i Jodasy Mat 26.47-56; Mar 14.43-50; Jao 18.2-11*

47 Ie mbe nisaontsy, hehek' i màroy naho i atao Jodasy, mpiamy folo ro' amby rey,
niaolo iareo naho nitotoke Iesoà vaho nañorok' aze. 48 Aa hoe t'Iesoà tama'e, O
Jodasy, ondroke hao ty ifotera'o i Ana'ondatiy?
49 Ie nirendre' o mpiama'eo ty hizò, le hoe iereo ama'e: O Rañandria, ho lafà'ay
am-pibara hao? 50 Le kinitsi' ty raik' ama'e ty ravembia havana' ty mpitoro' i talèm-
pisoroñey. 51 Fe tinoi' Iesoà ty hoe: Adono amy zao. Le tsinapa'e i ravembia'ey vaho
nampijangañe'e.
52 Le hoe t'Iesoà amo nimb'ama'e mb'eoo, o mpisorom-beio naho o mpifelek'
Anjomban' Añahareo vaho o roandriañeo: Ia ty nihofiha' areo boak' ao reke-pibara
naho doda hoe mañoridañe malaso? 53 Nifamoemboeñe ama'areo añ' Anjomban'
Añahare ao boak' andro raho, fa tsy nañitiam-pitàñe. Fe henaneo ty ora' areo naho
ty haozara' i ìeñey.

### *Nanao Jebe aze t'i Petera Mat 26.57-75; Mar 14.53-72 Jao 18.15—27*

54 Rinambe'iereo re, le nikozozòteñe mb'eo vaho nazilik' añ'anjomba' i mpisorom-
beiy. Nanonjohy ey t'i Petera. 55 Teo ty namiañ' afo an-kiririsa ey naho nitoboke, le
niambesatse am' iereo eo t'i Petera. 56 Nitrea' ty mpitoroñ' ampela namindro amy

* **22:34** akoholahy: ty fipopon'antsiva maraindray † **22:37** Ies 53:12

afoy re naho niharefe’e, le hoe re: Nimpiama’e ka t’indaty tìañe. 57 Fe hoe ty lie’e:
O Rampela, jebe ahy zay. 58 Ie añe, nahaoniñe aze ka ty raike, le hoe re: Mpiam’
iareo ka rehe. Hoe t’i Petera: O koahe, tsy zaho zay! 59 Ie ho ora raik’ añe le eo
ty nisikisiky namente ami’ty hoe: Toe nimpindre ama’e re fa nte-Galilia. 60 Aa hoe
t’i Petera: O korahe nofiko z’o saontsie’o zao! Tsipaepae zay, ie mbe nisaontsy, le
nikoike i akoholahiy, 61 le nitolike t’i Talè nitalahatse amy Petera. Aa le nitiahi’ i
Petera i tsinara’ i Talè ama’ey ty hoe: Aolo’ ty koihe’ i mpikoikey, le hanao jebe ahy
in-telo rehe. 62 Niakatse amy zao t’i Petera nangololoike ty rovetse.

*Trinabotraboke Mat 26.67; Mar 14.65*

63 Nikobìke naho namofoke Iesoà o lahilahy namontititse azeo. 64 Kinàpe’ iereo
o fihaino’eo vaho rinarateha’ iareo ty lahara’e, le nañontane aze: Mitokia! Ia o
nandafa Azoo? 65 Maro ka ty fiteraterà’ iereo ama’e.

*Añatrefa’ o Tehodao Mat 27.1; Mar 15.1*

66 Naho nanjirike àndro, nivory o roandriañeo, o talem-pisoroñeo reketse mpanoki-
dily; le nasese am-pivori’iareo ao re, le nanoañe ty hoe: 67 Naho ihe i Norizañey,
atalilio. Aa le hoe t’Iesoà am’iereo: Ndra te itaroñako, toe tsy hiantoke 68 le ndra t’ie
añontaneako tsy hanoiñe ka. 69 Henane zao te hiambesatse‡ an-kavanan-kaozaran’
Añahare eo i Ana’ ondatiy. 70 Aa le hoe ty rodo-bei’ iareo: Anan’ Añahare arè
v’Iheo? Hoe ty natoi’e: Ie saontsie’ areo. 71 Le hoe iereo: Inoñe ka ty ipaian-tika
valolombeloñe? kanao sambe nahajanjiñe am-bava’e.

# 23

*Zinaka’ i Pilato*
*Mat 27.2; 11-14; Mar 15.1-15; Jao 18.28-38*

1 Aa le niongake i fifañosoñañey ninday aze mb’amy Pilato mb’eo, 2 vaho nanisý
aze ami’ty hoe: Nitrea’ay nitrobo ty tane’ay ondatio mbore rinara’e ty fandroroñam-
bili-loha amy Kaisara, ie nihàboke t’ie i Norizan-ko mpanjakay. 3 Le hoe ty ontane’ i
Pilato tama’e: Mpanjaka’ o Jiosio v’Iheo? Hoe ty natoi’e aze: Ie saontsie’o.
4 Aa le hoe t’i Pilato amo mpisorom-beio naho i firimboñañey: Tsy mahatrea hakeo
amo lahio raho. 5 Fe nindrae’ iereo seseke ami’ty hoe: Ie mamalitsikotake ondatio,
mbore nitsitsihe’e oke t’Iehodà hirike Galilia añe pak’ etoa. 6 Ie jinanji’ i Pilato
izay le nañontane hera nte Galilia ondatio. 7 Ie nifohi’e t’ie borizà’ i Heroda, le
nampanesefe’e mb’amy Heroda mb’eo, amy te ie ka e Ierosaleme ao henane zay.

*Zinaka’ i Heroda*

8 Akore ty haeha’ i Heroda te nahaoniñe Iesoà; fa haehae ty nisalalà’e te hahaisak’
aze ty amo hene raha nijanjiñe’e ty ama’eo vaho naina’e te ho nisamba ze viloñe
fanoe’e. 9 Aa le nimanea’e ontane, fe leo raike tsy natoi’e. 10 Nijohañe ey avao
o mpisorom-beio naho o mpanoki-dilio nitolon-tsisý ama’e. 11 Aa ie fa nikobike
aze t’i Heroda naho o lahin-defo’eo, naho nikizahe’ iereo ami’ty nampiombeañe
lamba marerarera, le nampolieñe mb’amy Pilato mb’eo. 12 Amy àndroy, le lia’e
nimpirañetse t’i Heroda naho i Pilato, ie mpifandrafe taolo.

*Nahereñ’ amy Pilato Mat 27.15-26; Mar 15.6-15; Jao 18.39-19.16*

13 Natonto’ i Pilato o mpisorom-beio, naho o mpifehe ondatio, vaho i màroy, 14 le
hoe re tam’iereo: Nandesa’ areo amako t’indaty toy hoe mpanigike ondatio hiola.
Aa ndra t’ie nimaneako ontane añatrefa’areo, tsy mahatrea tahiñe am’ondatio amo
anisìa’ areo azeo. 15 Aiy, ndra i Heroda, kanao nampolie’e mb’aman-tika; ndra loli’e
tsy nanoe’e hañohofan-doza ama’e. 16 Aa le ho liloveko re vaho havotsoko. ( 17 Toe

‡ **22:69** Sab 110:1

lili’e ty namotsotse am’ iareo ty mpirohy raik’ amy Sabadidakey). [18] F’ie nikoik’ an-
kapindre ty hoe: Aseseo añe ondatio, le hahao ama’ay t’i Barabasy — [19] i najòñe
ambalabey ao ami’ty fiolà’e an-drova ao naho ami’ty vono-ondatiy.
[20] Aa ie te hañaha IESOÀ t’i Pilato le nindrai’e i linaño’ey. [21] Fe kinorà’ iareo ty
hoe: Peho, Peho re! [22] Le hoe re fañin-telo’e am’iereo: Fa akore! Inoñe ty raty
nanoe’e? Tsy treako ty talim-pamonoañe aze, ho liloveko vaho hidraitako. [23] Fe
nitolom-pitazataza iereo, nangatake t’ie ho peheñe. Aa le nahareketse aze ty feo’
ondatireo naho o mpisorom-beio [24] vaho linili’ i Pilato te hanoeñe t’y ipaia’ iareoy.
[25] Le vinotso’e i rinohy ty amy fiòla naho vono’ ondaty pinai’ iereoy; vaho natolo’e
ami’ty satri’ iareo t’IESOÀ.

### *Pinèk’ an-Katae Ajale Mat 27.31-56; Mar 15.20-41; Joa 19.16-30*

[26] Ie nindese’iereo, le tsinepa’ iereo ty atao Simona nte Kirenia, ie niloneake hirik’
am-patrambey añe vaho nampitarazoeñe aze i hatae ajaley, le nañorike t’IESOÀ.
[27] Tsifotofoto t’indaty nañorike naho o roakemba nandala naho nirovetse azeo.
[28] Nitolik’ am’ iereo t’IESOÀ nanao ty hoe: Ry anak’ ampela’ Ierosaleme ko mirovetse
ahy fa roveto o vata’ areoo naho o ana’areoo. [29] Mahaoniña te ho tendreke ty andro
hanoeñe ty hoe: Haha ty beitsiterake naho ty hòviñe tsy nahatoly vaho ty fatroa tsy
ninonoeñe. [30] Ie amy zay, hanoe’ iereo ty hoe o vohitseo: Mihotraha ama’ay, naho
amo haboañeo ty hoe: Rongono zahay.* [31] Aa naho zao ty anoañe an-katae leñe,
hanoeñe akore t’ie maike? [32] Teo ka ty tsy vokatse roe nendeseñe hiharo vonoeñe
ama’e. [33] Ie niavy ami’ty toetse atao Ikarandoha eo, le teo ty nipehañe aze naho
indaty raty rey, ty raike am-pità’e havana naho ty raike an-kavia’e. [34] Le hoe t’IESOÀ:
O Aba, iheveo, fa amoea’ iareo o anoe’ iereoo. Nifanjara’ iereo ty saro’e vaho nanao
tsato-piso†. [35] Fonga nijohañe ey i màroy nisamba; nitrao-panìtse aze, ie naho o
roandriañeo ami’ty hoe: Ie naharombake o ila’eo, soa re te handrombake ty vata’e
naho toe ie i Norizañe jinobon’ Añaharey. [36] Nanitra aze ka o lahin-defoñeo, le
nimb’eo ty nanolotse divay maseñe‡ ama’e, [37] ami’ty hoe: Naho toe Mpanjaka’ o
Jiosio rehe, rombaho ty vata’o. [38] Pinatetse ambone eo ty sokitse manao ty hoe:
Itoy ty Mpanjaka’ o Jiosio.
[39] Nikobìk’ aze ty raik’ amy tsivokatse naradorado rey, ami’ty hoe: Naho ihe i
Norizañey, rombaho ty vata’o naho zahay. [40] Fe tinoi’ i raikey an-trevoke, ami’ty hoe:
Ndra i Andrianañahare hao tsy añeveña’o kanao itraofa’o fàtse? [41] Toe mañeva i
an-tikañey le rinamben-tika ty vale’ o satan-tikañeo; fe tsy nandilatse ondatio. [42] Le
hoe re am’ IESOÀ, O Rañandria, mahatiahia ahy te miheo am-pifehea’o ao, [43] Hoe
t’IESOÀ tama’e: Eka! to t’itaroñako te, hindre mb’an-tanen-kaveloñ’§ ao tika te anito.

### *Ty Havilasi’ IESOÀ*

[44] I ora faheneñey henane zay, le hene nihohofa’ ty ieñe i Taney sikal’ ami’ ty
ora faha-sive. [45] Nimoromoroñe i àndroy vaho nitori-anjake i lamba fañefetse añ’
Anjomban’ Añaharey.
[46] Le nikanjy am-piarañanañañe mafe t’IESOÀ ami’ty hoe:
O Aba, apoko am-pità’o ao ty troko,*
ie tsinara, le nafoe’e ty arofo’e. [47] Nioni’ i mpifele-jatoy o raha nanjò eio le
nandrenge an’ Andrianañahare ami’ty hoe: Toe ondaty vantañe toy. [48] Ie nahaisake
zay i maro nivorigidiñe eiy nisamba o raha nitendrekeo, le nifiotse añe namango
arañañe. [49] Hene nijohanjohañe eñe o rañe’eo naho o roakemba nanonjohy aze
boake Galilia añeo nitalake.

---

* **23:30** Ies 2:19-20; Hos 10:8; Ben 6:16 † **23:34** Sab 22:18 ‡ **23:36** Sab 69:21 § **23:43** Paradisa (Gr): tane fanjaka manahake i Edena * **23:46** Sab 31:5

*Nalenteke Mat 27.57-61; Mar 15.42-47; Jao 19.38-42*

50 Teo t'indaty atao Iosefe, mpiamy Sanhedrio, ondaty vantañe naho vañoñe; 51 tsy
ninò' indatiy ty safiry naho ty raha nanoe' iareo. Nte-Armatia tanà' Iehodà re vaho
mpitamà i Fifehean' Añaharey. 52 Nimb'amy Pilato mb'eo re nihalaly ty fañòva'
IESOÀ. 53 Ie nazotso'e, le pinelepele'e an-damba leny, vaho nirohote'e an-donake
hinaly an-damilamy mbe tsy nandrohotan-dolo. 54 Ie ty andro Fañalankañañe†, le
fa ho tondroke i Sabatay. 55 Norihe' o roakemba nanonjohy IESOÀ boak' e Galilia
añeo re le niisa' iereo i lonakey naho ty nandrohotañe i fañòvay. 56 Tafampoly iereo
le nañalankañe raha mandrifondrifoñe naho solike, vaho nitofa amy SABATAy ty amy
liliy‡.

# 24

*Nivañombelo*
*Mat 28.1-8; Mar 16.1-8; Jao 20.1-10*

1 Ie amy loak'andro' i SABOTSEy, nañaleñaleñe mb'an-donake mb'eo ninday o raha
mandrifondrifoñe nihajarie' iereoo. 2 Zoe' iareo te nidogeratse i vato-pikalañe i
lonakeiy. 3 Nizilik' ao iereo fe tsy nahaisake ty fañòva' IESOÀ Talè. 4 Ie mbe nidaba
amy raha zay, inge nisodehañe añ'ila'iareo eo ty ndaty roe an-tsaroñe mipelapelatse.
5 Nianifañe iereo vaho nampiondre-daharam-ban-tane, fe nanoa' iereo ty hoe. Ino ty
paia'areo i veloñey an-tanen-dolo atoy? 6 Tsy ato re fa natroatse! Tiahio i nanoa'e ie
mbe e Galilia añey 7 t'ie, Tsy mahay tsy hatolotse am-pità' o bei-hakeoo i Ana'ondatiy,
le ho peheñe an-katae ajale vaho hivañom-beloñe ami'ty andro fahatelo.
8 Le nitiahi' iereo i saontsi'ey. 9 Ie nibalike boak' an-donake ao le nitalily irezay amy
folo-raik' amby rey naho amo ila'e iabio. 10 I Miriame nte-Magdalà, naho i Johana,
naho i Marie rene' Iakoba, vaho ty ila' iereo ro nitalily amo Firàheñeo. 11 Fe nihoe
kanifonifok' am'iereo i saontsi' iareoy, le tsy niantofa' iareo; 12 fe niongake t'i Petera
nihitrihitry ty lay mb' an-donake mb'eo; ie nibokoboko, le i lamban-doloy avao ty
nioni'e eo hoek'eo; vaho nimpoly, latsa amy nifetsakey.

*an-Dala' i Emaosy*
*Mar 16.12, 13*

13 Inao! nigodañe mb' an-drova atao Emaosy mb'eo ty roe am' iereo amy àndro
zay, eva'e ho enem-polo stadia* hirike e Ierosaleme añe, 14 nifanaontsy ze hene
nitendreke zay. 15 Aa, ie nivesoveso naho nitsakore, le niharinea' IESOÀ vaho
nitraofa'e fañavelo. 16 F'ie nitakonam-pihaino tsy hahafohiñ' aze. 17 Le nanoa'e
ty hoe: Inoñe o ifanaontsia' areo te mañavelo, kanao manahelo? 18 le hoe ty natoi'
ty atao Kleopasy: Ihe avao hao ty ambahiny e Ierosaleme ao tsy mahafohiñe o raha
nifetsak' atoa amo andro rezaoo? 19 Ino? hoe re. Le hoe ty natoi' iareo: IESOÀ nte-
Nazareta, nimpitoky fatratse am-pitoloñañe naho tsara añatrefan' Añahare naho
ondaty iabio; 20 ie nasese' o mpisorom-beio naho o roandrian-tikañeo hafàtse ho
vonoeñe, vaho pinè' iereo. 21 Fe ie 'nio ty nitamà'ay hijebañe Israele; fa tovo' iaby
zay, androany ty andro faha-telo sikal' amy nitendreha' i he'e zay. 22 Eka! nahadaba
anay ka ty roakemba'ay ila'e, ie nitsatok' an-donak' añe marain-tsikiake, 23 fe tsy
nioni' iereo ao i fañòva'ey, vaho nibalike nitalily te nahaisake ty fisodehan' anjely
nitalily am' iereo t'ie veloñe. 24 Niavotse mb'an-donake mb'eo ty ila'e ama'ay, le
nanjo hambañe amy nitalilie' i roakemba reiy, fe tsy nahaisak' aze. 25 Aa le hoe ty
natao'e am'iereo: O ry bahimo malaon-troke, tsy mahafiantoke ze hene saontsi' o
mpitokio. 26 Tsy linahatse hao te tsi-mete tsy nifeake irezay i Norizañey vaho hizilik'

† **23:54** aolo' i sabadidake P'Sake zay (Sor 23:6) ‡ **23:56** Sor 23:7 * **24:13** Gr. 60 stadia: 11 kilometatse

amy enge’ey? 27 Aa le mifototse amy Mosè naho o mpitoky iabio, le nampalangese’e
ama’e o Sokitse Masiñe iabio, ze mioza ama’e ao.
28 Ie niharine amy rova homba’ iareoy, le mitse hionjomb’eo t’Iesoà. 29 Fe hoe ty
nañosiha’iareo aze: Mañialoa ama’ay; ie ho haleñe naho fa miròñe i àndroy. Aa
le nimoak’ ao re hialeñe am’iereo. 30 Ie niambesatse am-pandambañañe mindre
am’ iereo, le nandrambe mofo naho nitata naho namolake vaho nazotso’e am’ iereo.
31 Nibarababeak’ amy zao ty fihaino’iareo nahafohiñe aze; f’ie nimosaoñe tsy niisake
ka.
32 Aa le nifanaontsy ty hoe iereo: Tsy nimae an-trok’ ao hao tika t’ie nilañoñe amy
lalañey vaho nampiborake o Sokitse Masiñeo?

### *Tsy Angatse Mar 16.4; Jao 20.19-23; I Kor 15.5*

33 Niongak’ amy oray avao iereo, nibalike mb’e Ierosaleme mb’eo, le nifanjo amy
folo lahy raik’ amby rey tafatontoñe ao miharo amo mpiam’ iereo, 34 ze nanao ty
hoe: Toe natroatse t’i Talè! mbore nisodehañe amy Simona. 35 Le natalili’ iareo i
tan-dalañe ey rezay, naho t’ie nifohi’ iareo amy namolaha’e mofoy.
36 Mbe nitalily iereo te niloneak’ añivo’ iereo eo t’Iesoà, nanao ty hoe: Fañanintsiñe
ama’areo. 37 Nitsekake naho nirevendreveñe iereo, hoe te nahaisak’ angatse.
38 Fe hoe re tam’iereo: Inoñ’ o mampihohokòhok’ anahareoo? naho inoñe ty
mampivazobazotse ty tro’areo? 39 Hehe o tañakoo naho o tombokoo, zaho ‘nio;
itsapao vaho mahaonìña, toe tsy ama’ nofotse naho taolañe o angatseo manahake
o isa’areo amakoo. 40 Ie nagado’e i saontsy zay, le natoro’e iareo o fità’eo naho o
fandia’eo. 41 F’ie mbe tsy nahafiantok’ avao fa loho ehake naho latsa; le hoe re:
Aman-kaneñe hao nahareo? 42 Le nanjotsoa’ iareo sale-fiañe naho papin-tantele.
43 Rinambe’e vaho nikama añatrefa’iereo.

### *Ty Fañirahañe Asa 1.3-8*

44 Le hoe re am’iereo: O entañe zao ty nitaroñako t’ie mbe nitraoke, te tsi-
mahay tsy ho heneke i pinatetse ty amako amy Ha’ i Mosèy ao naho amo Mpitokio
vaho amo Saboo rezay. 45 Sinoka’e amy zao ty fivetsevetse’ iareo haharendreke o
Sokitse Masiñeo. 46 Le hoe re tam’iereo: Hoe ty pinatetse, te tsi-mete tsy holañeñe
naho hivañon-ko veloñe amy andro fahateloy i Norizañey 47 vaho ho taroñeñe amy
tahina’ey ty fisolohoañe naho ty fañahan-kakeo amo kilakila ondatio mifototse e
Ierosaleme ao. 48 Valolombeloñe amy raha rezay nahareo.
49 Inao, hahitriko ama’ areo i nampitaman-dRaekoy; aa le mandiñisa an-drova
Ierosaleme ao ampara’ te isaroman-kaozarañe hirik’ añ’ abo.†

### *Ty Fionjona’e Mar 16.19; Asa 1.9*

50 Aa le niaoloa’e pak’ e Betania Anià vaho nañonjom-pitañe, nitata iareo. 51 Ie
nitatae’e, le navik’ am’ iereo vaho naonjoñe mb’ andindiñe añe. 52 Nitalahoa’ iareo
naho nimpoly mb’e Ierosaleme mb’eo an-kafaleam-bey, 53 vaho nitolom-pandrenge
naho nañandriañe an’Andrianañahare añ’ Anjomban’ Añahare ao. Amena.

† **24:49** Top 1:4-8

# Jaona

*I Norizañey taolo t'ie Nitoly*
1 Tam-pifotorañe añe t'i Tsara, le nindre aman' Añahare i Tsaray* vaho An-
drianañahare i Tsaray. 2 Ie taman' Andrianañahare amy fifotorañey. 3 Ie ty
nañamboarañe ze he'e; aa naho tsy ie, ndra loli'e tsy ho teo ze eo†. 4 Tama'e
o haveloñeo‡; le nañazavàñe ondatio i haveloñey; 5 mireandreañe añ'ieñe ao i
Hazavàñey, le tsy nahatindry aze i ieñey.

*Ty Mpiaolo' i Norizañey*
6 Teo t'indaty nirahen' Añahare, Jaona ty tahina'e. 7 Pok' eo re ho valolombeloñe
hitalily i Hazavàñey, soa te hatokisa ze kila ondaty. 8 Tsy t'ie i Hazavàñey, f'ie ro
hitaroñe i Hazavàñey.

*Ty Falai' Ondatio aze*
9 Ie ty Hazavañe to mañazava ze hene ondaty mizilike an-tane atoy. 10 Tami' ty
voatse toy atoy re naho ie ty nañamboarañe ty voatse toy§, fe tsy nahafohiñ' aze ty
voatse toy. 11 Nivotrak' amo Azeo re, fe tsy nirambesa' o Azeo.

*Ty Natokisa' Ondatio i Norizañey*
12 Fe hene nimea'e lily ho anan' Añahare ze nandrambe aze, ze miato amy
tahina'ey, 13 ie tsy nareñen-dio, tsy nisatrie' ty nofotse, tsy nisafirie' ondaty, fa i
Andrianañahare.

*Ty Nisamahañe aze ho Ondaty*
14 Ninjare nofotse i Tsaray, ie namoroñe ty sokemitraha'e aman-tika atoy. Nioni'ay
ty enge'e, i volonahetse mañeva ty maha bako-tokañe nampiarenen-dRae azey, ie
fonitse hasoa naho hatò. 15 Nitalily aze t'i Jaona ie nikoi-dava ty hoe: Ie i nanoeko
ty hoe, I manonjohy ahiy ro ambone ahy amy t'ie taoloko. 16 Songa nandrambe
amy halifora'ey tika: hasoa atovon-kasoa. 17 Toe i Mosè ty nanolorañe Hake, le
Iesoà Norizañey ty nitotsaha' ty falalañe naho ty hatò. 18 Tsy eo ty nahatrea
an'Andrianañahare ndra mbia' mbia; i bako tokañe añ' arañan-dRae'ey, Ie ty
mitaroñe*.

*Talily i Jaona Mat 3.1-12; Mar 1.2-8; Lke 3.3-16*
19 Zao ty enta' i Jaona te nirahe' o Tehodao ty mpisoroñe naho nte-Levy hirik'e
Ierosaleme añe nañontane aze, ty hoe: Ia v'iheo? 20 Niantoke re, tsy nitety, fa ninà'e
ty hoe: Tsy zaho i Norizañey. 21 Aa hoe ty ontane' iareo: Ia arè? i Elia v'iheo? le hoe
re: Tsy ie raho, I mpitokiy hao? le hoe re: Aiy! 22 Le hoe ty nanoa' iareo: Ia v'iheo,
hahatoiña'ay o nañirak' anaio? Akore ty anoñona'o ty vata'o? 23 Hoe re:
Zaho ty fiarañanaña'
i mikoik' am-patrambey añey, Vantaño ty lala' i Talè,
amy nisaontsie' Isaia mpitokiy.†
24 Toe irake boak' amo Fariseoo iereo, 25 ie nañontane ty hoe: Akore t'ie
mampilipotse, ihe tsy i Norizañey, tsy i Elia, tsy i Mpitokiy? 26 Tinoi' i Jaona ty
hoe: Mampilipotse an-drano raho, fe mijohañe añivo' areo ao ty tsy fohi' areo; 27 i

* **1:1** Fot 1:1; Rzt 8:22-31 † **1:3** Efe 3:9; Kol 1:16; Heb 1:2; Heb 11:3; 2Pe 3:5; Sab 33:6 ‡ **1:4** Haveloñe: fiaiñe (ze hene maha ondaty) § **1:10** Sab 33:6 * **1:18** Jao 5:37; 6:46; 1Jn 4:12 † **1:23** Ies 40:3

manonjohy ahy nanoeñe aolokoy; tsy sazo ahy ty hañaha i talin-kana'ey. 28 Nanoeñe
e Betania alafe' Iordaney zay amy fampilipora' i Jaonay.

### *Milipotse vaho Alipotse Mat 2.13-17; Mar 1.9-11; Lke 3.21, 22*

29 Tamy loakandroy, nioni'e te nitotofa' IESOÀ, le hoe re: Heheke o Vik' añondrin'
Añahare mpañaha hakeo' ty voatse toio‡. 30 Ie i nitaroñekoy ty hoe: Manonjohy ahy
t'indaty ambone te amako amy t'ie taoloko. 31 Tsy napotako re: fe ty hampiboahañe
aze am' Israele ty nivotrahako atoy hampilipotse an-drano.
32 Le hoe ty nitaroñe' i Jaona: Nahatrea i Arofoy raho, nizotso hoe deho boak'an-
dindìñe ey nipetake ama'e. 33 Ninofiko re, fe nanao ty hoe amako i nañitrik'
ahy hampilipotse an-dranoy: Ty isa'o izotsoa' i Arofoy vaho mipetak' ama'e, ie ty
mandipotse amy Arofo Masiñey. 34 Le nahatrea raho vaho mitaroñe te Ie i Anak'
Andriananañaharey.

### *O Mpiama'e Valoha'eo*

35 Nijohañ'eo mindre ami'ty mpiama'e roe t'i Jaona te loak' andro. 36 Aa ie
nahaisake IESOÀ nañavelo, le hoe re: Heheke o Vik' añondrin' Añahareo! 37 Jinanji'
i mpiama'e roe rey i saontsi'ey le nañorike IESOÀ. 38 Nitolike t'IESOÀ, nahavazoho
t'ie nañorike vaho nanoa'e ty hoe: Ino ty ipaia' areo? Le hoe iereo tama'e: O Raby,
toe: Talè, aia ty imoneña'o? 39 Le nanoa'e ty hoe: Antao, hañisake: Aa le nimb'eo
iereo nahaisake i nimoneña'ey le nitambatse ama'e ao amy àndroy, ie va'e tami'ty
ora faha-folo§.
40 Ty raik' amy roe nahajanjiñe i Jaona naho nanonjohy aze rey le i Andrea,
rahalahi' i Simona Petera; 41 Tendrek' aze hey t'i Simona rahalahi'e le nanoa'e ty
hoe: Nioni'ay t'i Mesia, toe: i Norizañey. 42 Nindese'e mb'amy IESOÀ mb'eo, le ie
nivazoho IESOÀ le nanoe'e ty hoe: Ihe ro Simona ana' i Jaona. Hatao Kefasy rehe, toe:
vato)*.

### *i Filipo naho i Natanaela*

43 Ie amy loak' androy te homb' e Galilia ao t'IESOÀ, le nitendreke i Filipo vaho
nanoa'e ty hoe: Oriho raho. 44 Nte-Betsaida t'i Filipo, ty rova' i Andrea naho i Petera.
45 Nirendre' i Filipo t'i Natanaela vaho nanoa'e ty hoe: Fa nifanjo amy sinoki' i Mosè
amy Hake naho amo Mpitokioy zahay, IESOÀ nte-Nazareta, ana' Iosefe! 46 Hoe t'i
Natanaela tama'e: Mete iboahan-draha soa hao ty Nazareta? Antao hisary, hoe t'i
Filipo ama'e.
47 Ie nivazoho' IESOÀ t'i Natanaela nitotok' aze, le hoe re ty ama'e: Heheke, ty
toe ana' Israele, ty tsy am-pamañahiañe! 48 Le hoe ty nanoa' i Natanaela: Aia ty
naharofoana'o ahy? Tinoi' IESOÀ ty hoe: Ihe mbe tsy kinai' i Filipo le nitreako
ambane' i sakoañey. 49 Aa le tinoi' i Natanaela ty hoe: O Raby, Anan' Añahare
rehe; Ihe ro Mpanjaka' Israele. 50 Le ty hoe ty natoi' IESOÀ aze: Amy te nanoako
t'ie nahatrea azo ambane' i sakoañey hao ro nampiantok' azo? Mbe ho oni'o ty
lombolombo'e. 51 Le tinovo'e ty hoe: Eka! to t'itaroñako te mbe ho oni' areo ty
fisokafa' i likerañey naho ty fionjonañe naho ty fizotsoa' o anjelin' Añahareo amy
Ana' ondatiy†.

## 2

### *Ninjare Divay ty Rano*

1 Ie tongoa' ty herone le tondroke e Kana e Galilia añe ty enga-valy naho teo ty rene'
IESOÀ 2 vaho songa nañambaràñe homb' amy enga-vaoy t'IESOÀ naho o mpiama'eo.

‡ **1:29** Mat 1:21; Tit 2:14; 1Jn 3:5,8 § **1:39** Ora faha-10: folak' andro maleme * **1:42** Grika Petros (Petera); Heb Kefà : Vato † **1:51** Fot 28:12

[3] Ie ho nikapioke ty divay le hoe i rene' IESOÀ ama'e: Tsy aman-divay iereo. [4] Tinoi'
IESOÀ ty hoe: O Rakembao, inoñ' ama'o naho amako zay? Mbe tsy tsatoke ty orako.
[5] Fe hoe ty nafanton-drene'e amo mpitoroñeo: Anò ze ampanoa'e. [6] Nidoñe marine
eo ty sajoa vato eneñe, fañaliova' o Jiosioo, songa nahaatseke fañaranañe telo ndra
roe. [7] Hoe t'IESOÀ tam' iareo: Atsafo rano o sajoao. Le nipeà' iereo pak'an-tsoñi'e.
[8] Le hoe re tam' iereo: Anovizo henaneo vaho endeso amy talèn-engay. Le nandesa'
iareo; [9] aa naho nitsopeke i rano niova ho divaiy i talèn-tsabadidakey, ie tsy napota'e
ty nihirifa'e, fa o mpitoroñe nanovy i ranoio avao ro nahafohiñe, le kinanji' i talen-
tsabadidakey i mpañengay [10] vaho nanoa'e ty hoe, Fanjotso' ondatio aolo ty divay
soa, ie nikamaeñe, vaho zay ty masay; fa ihe ka nañaja ty divay soa ampara henane.
[11] Zay ty lengom-bilo' IESOÀ nanoe'e e Kana' i Galilia añe, nampiboake ty enge'e naho
nampiantofa'e o mpiama'eo.

[12] Ie modo zay le nizotso mb'e Kapernaome mb'eo, ie naho i rene'e naho o
rahalahi'eo vaho o mpiama'eo, le nitoetse ao andro tsy ampeampe.

*Pinio'e i Anjombay*
*(Mat 21.12; Mk 11.15-19; Lk 19.45-48)*

[13] Ie an-titotse i Fihelañ' ambone' o Jiosioy, le nionjomb'e Ierosaleme añe t'IESOÀ.
[14] Naho nizoe'e an-kiririsan' anjomban' Añahare ao o nandetak' añombe naho
añondry naho dehoo, vaho o mpampikalo dralao mitoboke ey. [15] Aa le namboare'e
firison-kafotse naho fonga sinoi'e hiakatse i anjombay mindre amo añondrio naho
o añombeo, le nalonga'e o dralam-pampikalo dralao vaho navalihoho'e o talatalao,
[16] le hoe re amo mpandetake dehoo: Akaro añe o rahao vaho ko anoeñe kibohon-
kilankañe ty anjomban-dRaeko. [17] Le nitiahi' o mpiama'eo i pinatetse, ty hoe:
Nampibotsek' ahy
ty fahimbañako amy anjomba'oy.*

[18] Tinoi' o Tehodao ty hoe: Inoñe ty viloñe hatoro'o anay, te ihe manao o raha
retiañe? [19] Natoi' IESOÀ ty hoe: Rotsaho ty anjomba toy le hatroako añate' ty telo
andro. [20] Aa le hoe o Tehodao: Efapolo eneñ' amby taoñe ty namboareñe ty anjomba
toy, vaho hatroa'o añ' ate ty telo andro? [21] Fa i akibam-pañova'ey ty nienta'ey. [22] Aa
ie nivañom-belon-dre le nitiahi' o mpiama'eo i tsinara'e am'iereoy; le natokisa' iareo
o Sokitse Masiñeo naho ty entañe nisaontsie' IESOÀ.

[23] Ie te Ierosaleme ao amy Fihelañey, le maro ty niantoke i tahina'ey te nahaisake o
raha tsitantane nanoe'eo. [24] F'ie tsy nampivave' IESOÀ, amy te kila arofoana'e ondatio;
[25] vaho tsy nipay mpitalily ondaty, fa arofoana'e ze am'ondatio.

# 3

*i Nikodemosy*

[1] Teo t'indaty mpiamo Fariseoo, i Nikodemosy ty tahina'e, mpifehe amo Jiosio,
[2] niheo mb'amy IESOÀ mb'eo hàleñe, le nanoa'e ty hoe: O Talè, fohi'ay te mpañòke
hirik' aman' Añahare rehe; amy te tsy eo ty hahatafetetse o viloñe anoe'oo naho tsy
aman' Añahare.

[3] Hoe ty natoi' IESOÀ aze: Eka! To o itaroñakoo, naho tsy asamake indraike* t'indaty,
le tsy hahaoniñe i Fifehean' Añaharey re. [4] Aa hoe t'i Nikodemosy ama'e: Aia ty
hahatolia' ondaty, ie fa bey? Hahafimoake an-tron-drene'e ao fañindroe'e hao re
hasamake?

[5] Tinoi' IESOÀ: Eka! to t'itaroñako t'ie tsy asamak' ami'ty rano naho amy Arofoy
le tsy hahazilike amy Fifehean' Añaharey. [6] Ze nasama' ty nofotse ro nofotse, fe ze
nasama' i Arofoy ro arofo. [7] Ko ilatsà'o i nitaroñakoy ty hoe: Tsy mahay tsy asamake

---

* **2:17** Sab 69:9 * **3:3** ndra: boak' ambone

boak' añ'abo nahareo. 8 Mitiok' amy ze nahi'e i tiokey, mahajanjiñe ty feo'e rehe, fe
tsy oni'o ty nihirifa'e ndra ty handoaha'e; zay ka ze hene nasama' i Arofoy. 9 Hoe ty
natoi' i Nikodemosy, Aia ty hahamete izay?

10 Hoe ty natoi' IESOÀ: Ihe mpañana' Israele hao ro tsy maharendreke o raha
zao? 11 Eka! to t'itaroñako te volañe'ay o fohi'aio vaho talilie'ay o nitrea'aio,
fe tsy antofe' areo o taro'aio. 12 Aa naho itaroñako raha an-tane atoio, fa tsy
antofe' areo, le aia ty hahatokisa' areo te itaroñako rahan-dindìñe ao? 13 Toe tsy
eo ty nionjoñe mb'andindìñe ey naho tsy i nizotso hirik' andikerañey, toe i Ana'
Ondatiy. 14 Manahake ty nañonjona' i Mosè i mereñe am-patrambey añey, ro tsi-
mete tsy hañengañe i Ana' Ondatiy. 15 Soa te, hanan-kaveloñe nainai'e iaby naho
tsy ho momoke ze miato ama'e. 16 Akore ty hakokoan' Añahare ty voatse toy,
kanao nitolora'e i lahy bako-toka'ey, soa tsy haito ze miato ama'e fa hanan-kaveloñe
nainai'e. 17 Tsy nirahen' Añahare mb' ami'ty voatse toy hamàtse ty voatse toy i
Anakey; fa t'ie ho fandrombahañe ty voatse toy. 18 Tsy hafàtse ze miato ama'e;
fa nafàtse ka ty tsi-miato, amy te tsy natokisa'e ty tahina' i Ana-dahi-bako tokan'
Añaharey. 19 Zao o fàtseo, te nivotrak' an-tane atoy i hazavàñey fe nitea' ondatio o
ieñeo te amy hazavàñey, ie raty sata. 20 Heje' ze hene mpanao ratio i hazavàñey, ie
tsy miheo mb'amy hazavàñey tsy mone ho ventareñe o sata-rati'eo. 21 Fe mb'amo
hazavàñeo ty manao to, hampidodeàñe o fitoloña'eo, t'ie nanoeñe aman' Añahare.

22 Ie añe, le nomb'an-tane' Iehodà mb'eo t'IESOÀ rekets' o mpiama'eo le nitamañe
añe miharo am' iereo vaho nampilipotse. 23 Nampilipotse e Ainone marine i Saleime
añe ka t'i Jaona, amy t'ie maro rano, le nimb'ama'e mb'eo iareo vaho nampiliporeñe.
24 Mbe tsy nafetsak' an-drohy ao hey t'i Jaona.

25 Ie amy zao nifandietse amo fañaliovañeo o Tehodao naho o mpiamy Jaonao. 26 Aa
le nimb' amy Jaona iereo, nanao ty hoe: O Raby, i nindre ama'o alafe' Iordaneiy, i
nitalilie'oy, inao, ie ka ro mampilipotse, le kila mb'ama'e mb'eo. 27 Hoe ty natoi'
i Jaona: Tsy maha-rambe ndra inoñ' inoñe t'indaty naho tsy natolots'aze boak'
andindìñe añe. 28 Inahareo ro valolombeloñe te nitaroñeko ty hoe, Tsy zaho i
Norizañey, fa nahitrike ho fiaolo'e. 29 Talè' ty enga-vao ty mpañenga; mijohañe eo
naho mitsendreñe aze ty rañe' i mpañengay, le mahavaranehake aze ty fiarañanaña'
i mpañengay; zay ty mañeneke o haehakoo. 30 Mahity te ie ty haonjoñe vaho zaho
ty hareke. 31 Ambone' ze he'e i hirik' amboney. Le a ty tane toy ty hirik'an-tane atoy,
vaho ty tane toy ro fisaontsie'e; lohà' ze he'e i boak' andindìñey. 32 Ze nivazoho'e
naho nijanjiñe'e ro taroñe'e; fe tsy eo ty mandrambe i taro'ey. 33 I niantoke i taro'eiy
ty namolitomboke te to t'i Andrianañahare. 34 Saontsie' i nahitrin' Añaharey o
tsaran' Añahareo, amy te tsy arañen' Añahare ty fanolorañe i Arofoy. 35 Kokoan-
dRae i Anakey vaho kila natolo'e am-pità'e. 36 Aman-kaveloñe nainai'e ty miato
amy Anakey; fe tsy hahaisake i haveloñey ty manjehatse i Anakey, ie mb'e fehe'
ty haviñeran' Añahare.

## 4

### *Ty Rakemba am-Bovoñe eo*

1 Aa ie niarofoana' i Talè te jinanji' o Fariseoo te namory naho nandipotse mpioke
maro te amy Jaona t'IESOÀ, 2 (Toe tsy nampilipotse t'IESOÀ, fa o mpiama'eo.) 3 le
nienga Iehodà re nibalike mb'e Galilia añe, 4 f'ie tsi-mete tsy niranga i Samaria; 5 aa
le nivotrak' an-drova' i Samaria atao Sikara re, marine' ty toetse natolo' Iakobe am'
Iosefe ana'e. 6 Teo ty vovo' Iakobe. Nivozak' amy fañavelo'ey t'IESOÀ le niambesatse
amy vovoñey; ie fa ho oram-paheneñe.

7 Nimb’eo amy zao ty rakemba nte-Samaria hitari-drano, le hoe t’Iesoà ama’e:
Anjotsò rano raho. 8 (fa nihitrik’ mb’an-drova añe o mpiama’eo hikalo mahakama.)
9 Aa hoe i rakemba nte-Samariay ama’e: Aa vaho akore te Ihe Jiosy, ro mipay rano
amako: zaho ampela nte Samaria? (amy te tsy mifañaoñe amo nte-Samariao o Jiosio.)
10 Le hoe ty natoi’ Iesoà, Naho nifohi’o ty falalàn’ Añahare naho o nanao ama’o ty hoe:
Anjotsò rano, le ho nihalalia’o vaho ho nanjotsoa’e rano veloñe. 11 Hoe re tama’e:
O Aba, tsy amam-pavintan-dRehe, laleke o vovoñeo, aia ty hahazoa’o ze o ranon-
kaveloñe zao? 12 Ihe hao ro bey te am’ Iakobe raen-tika nanolots’ anay ty vovoñe
tìañe, ie nikamae’ o ana’eo naho o hare’eo? 13 Natoi’ Iesoà ty hoe, Ze minoñe ty
rano toy mbe haran-drano avao, 14 fe tsy ho taliñiereñe ka ty mikama i rano homeiko
azey; i rano hatoloko azey, le ho vovon-drano ama’e ao higoangoañe mb’an-kaveloñe
nainai’e. 15 Hoe i rakembay tama’e, O Aba, meo ahy i rano zay tsy haran-dranoako
naho tsy hitohàko mb’etoa hitarike.
16 Hoe re tama’e: Akia, kanjio ty vali’o le mb’etoa. 17 Tinoi’ i rakembay ty hoe: Tsy
amam-baly raho. Hoe t’Iesoà tama’e: To i asa’oy te tsy amam-baly; 18 ie nanam-baly
lime naho tsy vali’o i ama’o henaneoy. Mahity i enta’oy.
19 Hoe i rakembay tama’e, O Aba, apotako te mpitoky rehe. 20 Fitalahoan-droae’ay
ty vohitse toy, fa hoe ka nahareo te e Ierosaleme ao ty toem-pitalahoa’ ondatio.
21 Hoe t’Iesoà tama’e: O rakembao, atokiso, ho tondroke ty sa tsy hitalahoa’ areo
aman-dRae, ke ami’ty vohitse toy he e Ierosaleme ao. 22 Tsy fohi’ areo ty iambanea’
areo fe fanta’ay ty italahoa’ay amy te boak’ amo Jiosio ty fandrombahañe*. 23 Fa ho
tendreke ty ora, naho toe ie henaneo, te hitalaho aman-dRae an-troke naho an-katò
o toe mpitalahoo; ie ro paian-dRae hitalaho ama’e. 24 Arofo t’i Andrianañahare, le
tsi-mahay tsy hitalaho añ’ arofo naho an-katò o mpitalaho ama’eo.
25 Hoe i rakembay tama’e: Apotako te hitotsak’ atoy t’i Mesia (i atao Norizañey); ie
avy ro ho taroñe’e amantika ze he’e. 26 Hoe t’Iesoà tama’e: Ie zaho mirehak’ ama’o.

### *Mipoteake o Mpiama’eo*

27 Niloneak’ amy zao o mpiama’eo le nilatsa te ie nifanaontsy ami’ty rakemba,
fe leo raike tsy nañontane aze ty hoe: Ino ty paia’o? ndra: Akore te isaontsia’o?
28 Nado’ i rakembay i vatavo’ey vaho nienga mb’an-drova ao nitalily am’ondatio ty
hoe: 29 Antao hahaoniñe t’indaty nitalily amako ze fonga satako. Hera ie i Norizañey?
30 Niakatse i rovay iereo, nimb’ama’e mb’eo.
31 Nanohiñ’ aze amy zao o mpiama’eo, nanao ty hoe: O Talè, mikamà. 32 Fe hoe ty
nanoa’e: Aman-kànen-ko haneñe tsy fohi’ areo raho. 33 Aa le nifamesoveso ty hoe
o mpiama’eo: Hera teo ty nanjotso ama’e? 34 Hoe t’Iesoà tam’ iereo, Ty haneko, le
ty manao ze satri’ i nañitrik’ Ahiy vaho ty hañeneke o fitoloña’eo. 35 Tsy fisaontsi’
areo hao ty hoe: Mbe añe ty efa-bolañe vaho ho toly ty sabo? Inao ty itaroñako:
ampiandrao fihaino, le taringìto o tetekeo t’ie rifo te ho tataheñe henanekeo. 36 Fa
mitakatse ty rima’e o mpanatakeo, naho manontom-boa ho an-kaveloñe nainai’e, soa
te hitrao-pirebeke ty mpitongy naho ty mpanatake. 37 Zay ty mahatò ty tsara manao ty
hoe: Mitongy ty raike vaho manatake ty ila’e. 38 Nahitriko hanatake ty tsy nimokora’
areo; o ila’eo ty nifanehake vaho niziliha’areo i nivozaha’ iareoy.

### *Atokisa’ o nte Samariao*

39 Aa le maro amo nte Samaria hirik’ amy rovaio ty niantok’ aze ty amy enta’
i rakembaiy nanao ty hoe: Natalili’e ahiko ze fonga sata nanoeko. 40 Aa le nimb’
ama’e mb’eo o nte Samariao nihalaly ama’e ty hañialo am’iereo, vaho niambesatse
ao roe andro re. 41 Maro ka ty niantoke ty amo tsara’eo, 42 naho nanao ty hoe amy

* **4:22** Sab 147:19, Ies 2:3, 14:1, 56:6-8, Eze 47:22-23, Zek 8:23, Rom 2:20, 3:2, 9:4, Ben 21:12, 21:24

rakembay: Tsy i saontsi'oy avao ty mampiantok' anay, fa nahajanjiñe ka zahay, vaho
rendre'ay te toe ie i Norizañey, i Mpandrombake ty voatse toiy.

*Rinambe' o nte Galiliao Antalatalasaba*

43 Ie heròne, le nienga mb'e Galilia añe. 44 (Toe fa natalili' IESOÀ te tsi-vara an-
tane'e ty mpitoky.) 45 Aa ie nandoake e Galilia ao le nampihovae' o nte Galiliao —ie
fa niisa' iareo o raha iaby nanoe'e e Ierosaleme añe amy sabadidakeio, toe namonje'
i sabadidakey ka iereo.

*ty Anadahi' i Roandriañey*

46 Aa le niherem-b'e Kana' i Galilia t'IESOÀ, mb'amy nanoe'e rano ho divay añey.
Teo ty roandriañe, te natindri' ty rare e Kapernaome ao ty ana-dahi'e. 47 Aa ie
jinanji'e te nienga Iehodà mb'e Galilia mb'eo t'IESOÀ, le niheo mb'eo le nihalalia'e
ty hizotso mb'eo hañafake i ana'e fa heta'ey. 48 Le hoe t'IESOÀ tama'e: Naho tsy
mahaonim-biloñe naho halatsàñe nahareo, le tsy miantok' avao. 49 Fe nanoa' i
roandriañey ty hoe: O Aba, ehe mizotsoa, tsy mone hivetrake i anakoy. 50 Hoe t'IESOÀ
ama'e: Akia, veloñe i ana'oy. Natokisa' indatiy i nitsaràe' IESOÀ ama'ey le nimpoly.
51 Ie nizotso mb'eo, le nifanalaka ama'e o mpitoro'eo, nitalily te veloñe i ana'ey. 52 Aa
le nañontanea'e ty ora nitsaitsaihe'e, le hoe iereo ama'e: Omale amy ora faha-fitoy†
te niafak' ama'e i firemporempoañey. 53 Nifohin-drae'e t'ie i ora nitsarà' IESOÀ ty
hoe: Veloñe i ana'oy. Le niantoke re rekets' o añ'anjomba'e iabio. 54 Zay ty viloñe
faha-roe nanoe' IESOÀ sikal' amy niakara'e Iehodà mb'e Galilia añey.

# 5

*Mañafak' añ'Olon' Antara eo*

1 Nandimbe zay ty sabadidak' o Jiosio le nionjoñe mb'e Ierosaleme mb'eo t'Iesoà.
2 Teo ty antara marine' ty lalambein' Añondry e Ierosaleme ao atao Beit-zatà* ami'ty
saontsy Hebreo; aman-alokaloke lime. 3 Maro ty matindry nandre ao, ty fey, ty kombo,
ty kepeke nandiñe ty fihetse' i ranoy. 4 Ie an-tsa'e le mizotso mb'amy antaray ty
anjeli' i Talè mitrobo i ranoy; ie troboe'e i ranoy le ze valoha'e milipotse an-drano
ao ty ampijangañeñe amy ze hasilofa'e. 5 Teo ty lahilahy nikepeke telo-polo taoñe
valo' amby. 6 Ie nivazoho' Iesoà te nidefoke eo, naho niarofoana'e te haehae ty do'e,
le nanoa'e ty hoe: Te ho jangam-b'iheo? 7 Hoe ty natoi' i kepekey: O Aba, zaho tsy
ama' ondaty hampijoroboñe ahy amo antarao ie ampihalingaliñeñe o ranoo; fa naho
mb'eo raho, le eo ty mizotso aolo. 8 Hoe t'Iesoà tama'e: Miongaha, rambeso o tihi'oo
le mañaveloa. 9 Nijangañe amy zao indatiy le rinambe'e i tihi'ey vaho nitrantràñe
mb'eo. Toe Sabotse i andro zay.

*Kanao SABOTSE*

10 Aa le hoe ty asa' o Tehodao amy jinangañey: SABATA 'nio; faly ty anikeleha'o
tihy. 11 Tinoi'e ty hoe: I nampijangañe ahiy ty nanao amako ty hoe: Miongaha,
rambeso o tihi'oo le akia. 12 Le hoe ty ontane' iareo: Ia t'indaty nanao ama'o ty hoe:
Rambeso o tihi'oo, le akia, zao? 13 F'ie tsy napota' i nafahañey, fa nivik' añe t'IESOÀ
le lahialeñe ty an-toetse ao. 14 Ie añe, nivazoho' IESOÀ añ'anjomban' Añahare ao re le
nanoa'e ty hoe: Hehe, t'ie jangañe, ko mandilatse ka, tsy mone hanjo ty lombolombo'
i teoy†. 15 Niavotse indatiy nitalily amo Tehodao te IESOÀ ro nampijangañe aze. 16 Aa
le nampisoañe' o Tehodao t'IESOÀ, nikilily hañè doza ama'e, amy t'ie nanoe'e amy
SABOTSEY.

*Hambañe aman' Añahare*

† **4:52** folakandro-maràñe : 1:00 ndra 13:00; * **5:2** Betesda: anjombam-palalàñe, rano mañidahìda; † **5:14**
Jao 8:11

17 Fe hoe ty natoi' IESOÀ: Mifanehake sikal' amy zao t'i Raeko vaho mitoloñe ka raho.
18 Aa le sandrake te nipaia' o Tehodao ty hañoho-doza ama'e; tsy t'ie nandilatse amy
SABATAiy avao, fa t'ie nanao i Andriananañahare ho Rae'e, hifanahafa'e aman' Añahare.

*Hambañe ami'ty Haozara'e*

19 Le hoe ty natoi' IESOÀ: Eka! to t'itaroñako te, tsy mete manao inoñ' inoñe am-
bata'e i Anakey, naho tsy ty oni'e anoen-dRae'e; amy te ze trea'e anoen-dRae'e, ie ro
anoe' i Anakey. 20 Kokoan-dRae t'i Anake le kila atoro'e aze ze anoe'e vaho ho toroa'e
fitoloñañe ra'elahy te amy retoañe hilatsà' areo. 21 Fa hambañe amy te ampitroaran-
dRae o vilasio naho velome'e, ty ameloma' i Anakey ze no'e.

*Hambañe ami'ty Fanaña'e Lily*

22 Toe tsy eo ty zakae' i Rae, fa hene natolo'e amy Anakey ze fizakañe 23 soa te
songa hiasy i Anakey, hambañ' amy iasia' iareo an-dRaey. Ze tsy miasy i ana'ey, tsy
miasy an-dRae nañirak'aze.
24 Eka! To ty itaroñako te, ze mijanjiñe o volakoo naho matoky i nañirak' Ahiy ro
aman-kaveloñe nainai'e, vaho tsy mimoak' an-jaka ao; f'ie nienga i havilasiy mb'an-
kaveloñe mb'eo. 25 Itaroñako an-katò te, ho avy ty ora, toe fa ie henaneo, te ho
janjiñe' o vilasio ty fiarañanaña' i Anan' Añaharey, le ho veloñe o mahajanjiñe
azeo. 26 Fa hambañe ami'te aman-kaveloñe am-pañova'e t'i Rae, ty nanolora'e amy
Anakey ty hanañe haveloñe am-bata'e; 27 mbore tinolo'e lily hizaka, amy te ie i Ana'
ondatiy. 28 Ko idaba' areo, fa ho tondroke ty ora ho janjiñe' ze fonga an-donak' ao i
fiarañanaña'ey 29 vaho hiongake boak'ao: ze nanao soa ho amy fivañonam-beloñey;
le ze nanao raty ho amy fitroaram-pizakañey. 30 Toe tsy mahatafetetse raho te zaho
avao. Ie mitsanoñe ro mizaka, le to o zakakoo amy te tsy ty lahako ro paiako fa ty
satrin-dRae nañirak' ahy. 31 Aa naho mitalily vatan-draho, tsy ho tò i taliliy.

*Ty Talili' i Jaona Mpandipotse*

32 Ao ty mitalily ahy, le apotako te to i taroñe talilie'e ahiy. 33 Fa nañitrik' amy
Jaona nahareo, le nitaroña'e ty hiti'e. 34 Tsy rambeseko ze talilie' ondaty ahy, fe
ivolañako o raha zao hahazoa' areo rombake. 35 Jiro nirehetse naho nireandrean-dre
vaho nisatrie' areo ty hirebeke hey amy hazavà'ey.

*Ty Mitaroñe aze*

36 Amam-balolombeloñe ambone' i Jaona raho, fa o fitoloñañe nafanton-dRae
amako ho henefañeo vaho i fitoloñañe fanoeko ro mitalily ahy te nirahen-dRae.

*Ty Taroñe ty aman-dRae*

37 I Rae nañirak' Ahiy—Ie ty nitaroñe ahy. Mbe lia' areo tsy nahajanjiñe ty
fiarañanaña'e ndra nahaisake i vinta'ey‡, 38 vaho tsy mimoneñe ama' areo ao o
tsara'eo amy te tsy atokisa' areo i nahitri'ey. 39 Hotsohotsò o Sokitse Masiñeo; fa
atokisa' areo te ama'e ao ty hanaña' areo haveloñe nainai'e; eka, ie i mitalily ahikoy,
40 fe mifoneñe tsy homb' amako nahareo hahazo haveloñe.

*Mitaroñe i Sokitse Masiñey*

41 Tsy rambeko ty fiasia' ondatio, 42 le apotako nahareo, te tsy an-tro' areo ao
ty fikokoan' Añahare. 43 Nimb' atoa raho ami'ty tahinan-dRaeko, fe tsy rinambe'
areo; naho eo ty miheo mb'ama' areo ami'ty añara'e, le ampihovae' areo. 44 Aia ty
hahafatokisa' areo, te mifampiasy avao fa tsy mipay ty engeñe boak' aman' Añahare
tokañe?
45 Ko atao' areo te zaho ty hanisý anahareo añatrefan-dRae; toe eo ty haneseke
anahareo: i Mosè tama' areo. 46 Aa naho niantofa' areo t'i Mosè le ho natokisa' areo

‡ **5:37** Jao 1:18

raho amy te zaho i nanokira’ey.§ 47 Aa naho tsy miantoke o soki’eo nahareo, aia ty
hatokisa’ areo o volakoo?*

*ty Lime Arivo Lahy Mat 14.13-21; Mar 6.31-44; Lke 9 11-17*

# 6

1 Ie añe, le nitsake i riake Galiliay (i atao Tiberiasiy) t’Iesoà, 2 naho norihe’ ty
lahialeñe amy te nioni’ iereo o viloñe nanoe’e amo marareoo. 3 Aa le nitroa-bohitse
t’Iesoà vaho niharo fiambesatse amo mpiama’eo. 4 An-titotse henane zay i Fihelañey,
i sabadidak’ o Jiosioy.
5 Ie niandra t’Iesoà, le nahaoniñe te nañarine aze i lahialeñey, le hoe re amy Filipo:
Aia ty hikaloan-tika mofo hikamà’ o retoañe? 6 Ty hitsok’ aze ty nanoa’e izay, fa
niarofoana’e ty hanoe’e. 7 Tinoi’ i Filipo ty hoe: ty mofo azom-bogady roan’ jato tsy
hahaeneñe iareo t’ie songa hangala falitse. 8 Natovo’ i Andrea, mpiama’e, rahalahi’
i Simona Petera, ty hoe : 9 Atoañe ty ajajalahy ama’ mofo hordea* lime naho fiañe
kedekedeke roe, f’ie haha-inoñe ondaty maro iretoañe?
10 Le hoe t’Iesoà: Ampiambesaro ondatio, (toe nisoa ahetse i toetsey). Aa le
niambesatse ondatio—niha-lime arivo ty lahilahy. 11 Rinambe’ Iesoà i mofo rey
le nañandriañe vaho zinara’e amo mpiama’eo vaho nazotso’ o mpiama’eo amo
niambesatseo; nanahake zay i fiañe rey; ndra fire’ fire ty nipaiaeñe.
12 Ie nianjañe, le hoe re amo mpiama’eo: Atontòno o nisisa nifitafitao, soa tsy ama’e
ty hianto. 13 Aa le nahoro’ iereo vaho nahapea haron-kisetse folo ro’amby ami’ty tsy
nirì’ o nikamao amy mofo hordea lime rey. 14 Ie niisa’ ondatio i viloñe nanoe’ Iesoày,
le hoe iereo: Toe ie i mpitoky hizilik’ ami’ty voatse toy.
15 Ie niarofoana’ Iesoà t’ie fa homb’eo hamihiñ’ aze an-tsenge hery hanao aze
mpanjaka, le nivike indraike mb’am-bohitse mb’eo, ie raike.

*Midraidraitse Ambone Rano Mat 14.22-33; Mar 6.45-52*

16 Ie hariva, le nizotso mb’an-driake mb’eo o mpiama’eo, 17 nijon-dakañe hitsake i
riakey mb’e Kapernaome añe. Ie maieñe, le mboe tsy niheo mb’am’iereo ey t’Iesoà.
18 Nikabo-draha i riakey ami’ty habei’ i tioke nangofofokey. 19 Aa ie fa nivey telopolo
ndra roapolo-lim’ amby stadia†, le naheo’ iereo te nandia ambone’ i riakey ey t’Iesoà
nitotok’ i lakañey, vaho nianifañe. 20 Aa hoe re tam’ iereo, Zaho ‘nio; ko hembañe.
21 Aa le nino’ iereo ty handrambe aze an-dakañe ao vaho tafatsak’ amy zao amy
nanandrifeañey i lakañey.

*Mofon-Kaveloñe*

22 Amy loak’ àndroy, le niisa’ i maro nijohañe alafen-driakey te tsy eo ty lakañe ila’e
naho tsy i raike niharoa’ o mpiama’eo fijoñe vaho tsy nitrao-pijoñe amo mpiama’eo
amy lakañey t’Iesoà, fa o mpiama’eo avao ty tao. 23 (Toe nitoly marine’ i nikamà’
iareo mofo amy nañandriaña’ i Talèiy ty lakañe ila’e hirike Tiberiasy.) 24 Aa ie
nioni’ i màroy te tsy eo t’Iesoà naho o mpiama’eo, le nijon-dakañe ka, nitsake mb’e
Kapernaome mb’eo hitsoeke Iesoà.
25 Ie nahaisak’ aze an-dafen-driake ey le nanoa’ iareo ty hoe: O Talè, mbia ty
nitsaha’o atoy? 26 Hoe ty natoi’ Iesoà: Itaroñako an-katò te, tsy o viloñe nioni’ areoo
ty ipaia’ areo ahy, fa t’ie nikama amy mofoy vaho nianjañe. 27 Ko ifanehafañe ty
mahakama mete momoke, fa i mahakama mahatañe pak’an-kaveloñe nainai’ey, i
toe hazotso’ i Ana’ ondatiy‡, fa ie ty vinoli-tombohen’ Añahare Rae.

---

§ **5:46** Its 18:18 * **5:47** Lke 16:31 * **6:9** karaza varem-bazaha kamae’ ty tsotra † **6:19** Stadione: taka-piletse:
185 metatse ndra lika, 60 stadione = 11 kilometatse; Stadia naho maro ‡ **6:27** Mat 4:4, Joa 6:35, 48, 51, 58

28 Le hoe ty asa’ iareo tama’e: Inoñe ty hanoe’ay hitoloñe amo tolon-drahan’
Añahareo? 29 Hoe ty natoi’ Iesoà: Zao ty fitoroñañe an’Andrianañahare, te hatokisa’
areo i nahitri’ey.
30 Aa le hoe iereo tama’e: Ino ty viloñe hatoro’o, hahaisaha’ay, hiantofa’ay azo?
Inoñe ty ho toloñe’o? 31 Nikama mana§ an-dratraratra añe o roae’aio, amy pinatetse
ty hoe:
Nanjotsoa’e mofo boak’ andindìñe añe hikama’ iereo.*
32 Le hoe t’Iesoà tam’ iereo: Eka! to t’itaroñako te, tsy i Mosè ty nanjotso i mofo
boak’ andindìñe añey, fa i Raeko ro mpanjotso ty toe mofo hirik’ andikerañe ao. 33 I
mofon’ Añaharey, le i nizotso boak’ andindìñe añe manolo-kaveloñe ami’ty voatse
toiy.
34 Le hoe iereo tama’e, O Talè, azotsò ama’ay nainai’e o mofo zao. 35 Hoe t’Iesoà
tam’ iereo: Zaho o mofon-kaveloñeo, tsy ho saliko ka ze mitotok’ ahy vaho tsy ho
taliñiereñe ka ze miato amako. 36 Fa hoe ty nanoako, toe nahaisake ahy nahareo fe
tsy mañaoñe. 37 Hene homb’amako ze atolon-dRaeko ahy vaho tsy haitoako ka ze
mb’amako. 38 Le tsy nivotrake boak’ andindìñe ao raho hanao ty satriko, fa ty satri’ i
nañitrik’ Ahiy. 39 Inao ty satrin-dRae nañirak’ ahy, te leo raike amy ze hene natolo’e,
tsy hapoke, fa hatroako amy andro honka’ey. 40 Zao ty satrin’ arofo’ i nañitrik’ ahiy,
te songa hanan-kaveloñe nainai’e ze miisake i Anakey naho miato ama’e; le zaho ty
hañonjoñe aze amy andro honka’ey.
41 Niñeoñeoñe ama’e o Tehodao, ty amy asa’e ty hoe: Zaho i mofo nizotso
hirik’andindìñe eiy, 42 le hoe iereo: Tsy Iesoà, ana’ Iosefe v’itia, ie fohin-tika ty rae’e
naho i rene’e? Akore arè i asa’e ty hoe, t’ie nizotso boak’ andindìñ’ añe?
43 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Ko mifampiñeoñeoñe avao. 44 Tsy eo ty mahalefe ty homb’
amako naho tsy akozozòn-dRae nañitrik’ ahy; ie amy zay, zaho ty hampitroatse aze
amy andro honka’ey. 45 Pinatetse amo Mpitokio ty hoe:
Hene hanare’ Iehovà iareo,†
Sindre miheo amako ze nahajanjiñe naho niòke aman-dRae. 46 Toe ndra iaia tsy
nahaoniñ’ an-dRae naho tsy i boak’ aman’ Añaharey, Ie ty nahavazoho an-dRae.
47 Eka! to t’itaroñako te aman-kaveloñe nainai’e ze miato amako. 48 Zaho o mofon-
kaveloñeo. 49 Nikama mana am-patrambey añe o roae’ areoo, vaho nihomake.
50 Intoy ty mofo mizotso hirik’ andindìñe ao hikamà’ ondatio tsy hihomake. 51 Zaho
o mofo veloñe nizotso hirik’ andindìñeo; ndra ia’ ia mikama i mofo zay ro ho veloñe
nainai’e; eka, ty nofoko i mofo hatolokoy, i banabanaeko ho ami’ty havelo’ ty voatse
toiy.
52 Aa le hoe ty lie-droko’ o Tehodao: Aia ty hanjotsoa’ t’indaty tìa i sandri’ey ho
hanen-tika? 53 Le nanoa’ Iesoà ty hoe: Eka! to t’itaroñako, naho tsy ikamañe ty
nofo’ i Ana’ ondatiy naho inomañe ty lio’e, le tsy aman-kaveloñe nahareo. 54 Ze
mikama ty nofoko naho minoñe ty lioko ro aman-kaveloñe nainai’e, le honjoneko
amy andro hengaha’ey. 55 Fa toe hàneñe o nofokoo naho toe finomeñe ty lioko. 56 Ze
mikama ty nofoko naho ty lioko ro mimoneñe amako vaho zaho ama’e. 57 Hambañe
amy nañitrifa’ i Rae veloñey ahiy, zaho veloñe aman-dRae, le ze mikama amako,
zaho ty hiveloma’e. 58 Zao i mofo nizotso hirik’ andindìñey. Tsy manahake i mana
‡nikamaen-droae’ iareo ie nihomakey; fa ho veloñe nainai’e ze mikama ty mofo toy.
59 I hoe zay ty tsinara’e te nañoke am-pitontonañe e Kapernaomy ao.

*Mitety aze o ila’eo*

§ **6:31** Heb: nofi’ ay; Avo 13:31 * **6:31** Sab 78:24, 105:40, Nek 9:15 † **6:45** Ies 54:13, Irm 31:34 ‡ **6:58** Avo
16:31

[60] Aa le maro amo mpiama'eo, ie nahajanjiñe zay, nanao ty hoe: Maràñe i tsaray,
ia ty mahajanjiñe aze? [61] Ie nioni' IESOÀ i ñeoñeo' o mpiama'eoy, le nanoa'e ty hoe:
Mahatorifik' anahareo v'izay? [62] Akore arè naho isa' areo mionjoñe mb'amy nitoe'e
taoloy mb'eo i Ana' ondatiy? [63] I Arofoy ty mahaveloñe, tsy mahasoa ndra loli'e o
nofotseo; toe arofo naho haveloñe o saontsy itaroñako§. [64] Fe tsy mañaoñe ty ila'
areo. Toe niarofoana' IESOÀ am-baloha'e o tsi-hiatoo, naho i hañenga' azey. [65] Le
hoe re: Zay ty nitaroñako te, tsy eo ty homb' amako naho tsy natolotse aze boak'
aman-dRae. [66] Ie amy zay, nifoneñe tsy nindre-lia ama'e ka ty maro amo mpiama'eo.

### *Ty taro' i Petera*

[67] Aa le hoe t'IESOÀ amy folo ro' amby rey, He te hisitake ka nahareo? [68] Hoe ty
natoi' i Simona Petera: O Talè, homb' ama' ia v'izahaio? Ama'o o tsaran-kaveloñe
nainai'eo; [69] Fa natokisa'ay naho mahafohiñe te Ihe i Masin' Añaharey. [70] Hoe ty
nanoa' IESOÀ: Tsy zaho hao ty nijoboñe anahareo folo-ro'ambio, fe kokolampa ty
raike? [71] I Jodasy ana' i Simona nte-Kariote, mpiamy folo ro'amby rey i tsinara'ey, ie
fa hañeng' aze.

## 7

### *Tsy Niantofan-dRoahalahi'e*

[1] Añe zay le nañavelo e Galilia ao t'IESOÀ, f'ie tsy te homb'e Iehodà mb'eo amy te
nipay hañè-doza ama'e o Tehodao. [2] Nitotoke henane zay i sabadida-kivoho' o Jiosioy,
[3] le hoe ty asa' o rahalahi'eo ama'e: Isitaho ty eto, akia mb'e Iehodà añe, hahaoniña'
o mpiama'oo ka o fitoloñañe anoe'oo, [4] amy te tsy mitoloñ' añetake ze te ho fohiñe,
fa am-palangesañe. Kanao manao o raha rezao rehe, le atrefo i valobohòkey. [5] Toe tsy
niantok' aze ka o rahalahi'eo. [6] Le hoe t'IESOÀ am' iareo: Mbe tsy tondroke ty androko,
fe songa mete ama' areo ze andro. [7] Tsy eo ty halaiña' ty voatse toy anahareo fa
heje'e ka raho mpanesek' aze ty amy hatsivokara'ey. [8] Mionjona mb'amy sabadidakey
mb'eo, fe tsy homb' amy famantañañey hey raho amy te mbe tsy heneke o androkoo.
[9] Ie nanoa'e izay le nitambatse e Galilia ao.

### *Nipiapia mb'an-tSabadidake mb'eo*

[10] Aa naho fa nionjom-ban-tsabadidake mb'eo o rahalahi'eo, le nimb'eo ka re, fe tsy
nisorogodañe fa niampitsàmpitse. [11] Nipay aze amy sabadidakey o Jiosio, ie nifanao
ty hoe: Aia re? [12] Lako firehoreho ty ama'e i màroy: hoe ty ila'e: Vañoñe indatiy, hoe
ka ty ila'e: Aiy! toe ampandridrihe'e ty màro. [13] Fe tsy teo ty nahaboa-drehake aze
ami'ty fihembañañe o Tehodao.

### *Boak' Aman-dRae ty Lili'e*

[14] Ie ho nivaky mira i sabadidakey, le nionjomb' añ' anjomban' Añahare mb'eo
t'IESOÀ, nañoke. [15] Nilatsà' o Tehodao le nanao ty hoe: Taia ty nampahilala indatiy o
sokitseo, ie tsy nianatse? [16] Tinoi' IESOÀ ty hoe: Tsy ahy o fañòhakoo, fa a i nañitrik'
ahiy*. [17] Ie no' ondatio ty hanao o satri'eo le ho rendre'e i fañòhañey ke hirik'
aman' Añahare, he te ahy o volañekoo. [18] Mipay tsiriry ty mivolañe ty aze; f'ie
mipay hañomey engeñe amy nañitrik' azey ro to vaho tsy aman-kakeo. [19] Tsy i Mosè
hao ty nanolotse i Hake ama' areo, fe tsy ama'areo ty mañorike i Hake? Akore t'ie
mipay hampivetrak' ahy? †
[20] Hoe ty natoi' i màroy: Amañ' anga-draty rehe, ia ze o mipay hañoho-doza
ama'oo? [21] Hoe t'IESOÀ tam' iereo: Nanao raha raike raho, le hene latsa. [22] Nimea'
i Mosè anahareo o savatseo (tsy t'ie hirik' amy Mosè, fa boak' aman-droae); vaho

§ **6:63** Jao 6:8, 1Ko 15:45 * **7:16** Impito amy Jaona ao i hoe zay: 3:34, 7:16, 8:28, 8:40, 12:49, 14:24, 17:8; Its 18:15-20 † **7:19** Mat 5:20

manavatse ondaty ami'ty SABOTSE nahareo. 23 Aa naho savareñe ami'ty SABATA
t'indaty tsy handilara'e ty Hà' i Mosè; mahaviñetse anahareo hao te nampijangañeko
fonitse ami'ty SABATA t'indaty? 24 Ko mizaka ami'ty vinta'e, fa mizakà an-jaka tò.

### *Hirik' aman-dRae i Norizañey*

25 Le hoe ty ila' o nte Ierosalemeo: Tsy itoy hao i paia' iereo ho vonoeñey? 26 Hehe
t'ie milañoñe am-batraike eo fe tsy ivolaña' iareo. Hera toe fohi' o roandriañeo te
ie ro toe i Norizañey? 27 Fohintika ty nihirifa' indatiy; aa ie avy i Norizañey, tsy ho
fohi' ondaty ty niboaha'e. 28 Aa le nipoña-peo añ'anjomban' Añahare ao t'IESOÀ te
nañoke, nanao ty hoe: Eka! Fohi' areo raho mbore rendre' areo ty nihirifako; Tsy
nañira-batan-dRaho, fe vañoñe i nañitrik' Ahiy, i amoea' areoy. 29 F'ie fantako, amy
te hirik' ama'e, ie ty nañirak' ahy. 30 Nipay hitsepak' aze iereo, fe tsy teo ty hahagaoñ'
aze ie mbe tsy nitondroke i ora'ey. 31 Le maro am' ondatio ty niantok' aze vaho nanao
ty hoe: Ie totsake eo i Norizañey, hanao viloñe maro te amo nanoe' itìañeo hao?

### *Ty Hienga'e*

32 Jinanji' o Fariseoo i nivesovesoe' i màroy, le nañitrike mpifeleke hitsepak' aze
o mpisorom-beio naho o Fariseoo. 33 Le hoe ty nanoa' IESOÀ: Anianike avao raho
te ama'areo vaho hienga mb'amy nañirak' ahiy añe. 34 Hipay ahy nahareo fe tsy
hahaisake; toe tsy mete' areo hombàñe ty hombako. 35 Le hoe ty fifanaontsi' o
Tehodao: Aia ty homba'e te tsy ho trea-tika? Hera homb' amo miparaitak' amo Grika
añeoo, hañòke o Grikao; 36 Inoñe i enta'e ty hoe: Ho paiae' areo raho, fa tsy ho isa'
areo; naho, Tsy lefe areo ombañe ty hombako?

### *Rano Veloñe*

37 Ie amy andro honka ra'elahi' i sabadidakeiy, le niongake t'IESOÀ nipazake ty hoe:
Ampomb' amako mb'etoa hikama rano ze taliñiereñe. Ze miato amako, 38 hoe i Tsara
Masiñey, le higoangoañe boak' añ'arofo'e ao ty rano veloñe.‡ 39 (i Arofo ho rambese'
o mpiato ama'eo i nitsarae'e zay, fe mboe tsy ie i Arofoy, amy te mbe tsy nirengèñe
t'IESOÀ.)§

### *Mifanao Añombelahi-Diba o Tehodao*

40 Aa le maro amy lahialeñe nahajanjiñe i tsaray ro nanao ty hoe: Toe ie i Mpitokiy.
41 Hoe ty ila'e: Ie i Norizañey, fa hoe ka ty ila'e: Ho hirike e Galilia añe hao i
Norizañey? 42 Tsy fa tsinara' o Sokitse Masiñeo hao te ho hirik' amo tiri' i Davideo i
Norizañey, naho ho boake Betleheme, rova' i Davide?* 43 Aa le nifampiria ty ama'e
ondatio. 44 Teo o te hitsepak' azeo, f'ie tsy nipaoham-pitañe.

### *Nifanointoiñe i Sinoday*

45 Aa le nibalike mb'amo mpisorom-bey naho Fariseoo mb'eo o mpifelekeo, le hoe
ty nanoa' o beio: Akore t'ie tsy nasese'areo? 46 Le hoe ty natoi' o mpifelekeo: Mbe
lia'e tsy nahafilañoñe manahak' indatiy t'indaty. 47 Le natoi' o Fariseoo ty hoe: I
nahareo ka hao ty nampandridrihe'e? 48 Ia amo roandriañeo naho amo Fariseoo
ty miantok' aze? 49 Fokom-pàtse i màroy, amy te tsy apota'e t'i Hake. 50 Hoe t'i
nanoa' i Nikodemosy (i mpiam' iareo nitilike IESOÀ taoloy). 51 Mamàtse ondaty aolo'
te ijanjiñañe hahafohiñe i nanoe'ey hao i Han-tikañey? 52 Natoi' iereo ty hoe: Nte-
Galilia ka v-iheo? Hotsohotsò naho oniño te tsy itroaram-pitoky ty Galilia. 53 Le hene
nimpoly mb'an-kiboho'e mb'eo.

---

‡ **7:38** Ies 44:3, Iir 2:13, 17:13, Zek 14:8, Sab 36:8-9, Rzd 14:7, Jao 4:10, 6:63, 1Ko 10:4, Ben 7:17, 21:6, 22:1,17

§ **7:39** Eze 36:26-27, Ioe 2:28-32, Top 1:4-8, 2:4,33, 10:44-47, 11:15-16, Efe 5:18

* **7:42** 2Sa 7:12, Sab 89:4; Mik 5:1

# 8

*Vinamba ty Ampela*

1 Nomb'am-bohi' Oliva mb'eo t'Iesoà. 2 Le nañaleñaleñe te nibalike mb'
añ'anjomban' Añahare mb'eo, naho nihimpok' ama'e i màroy vaho niambesatse re
nañoke.
3 Nasese' o mpanoki-dilio naho o Fariseoo ama'e ty rakemba nivamba, aa ie
najarodo' iereo añivo' ondatio, 4 le hoe iareo tama'e: O Talè, tsinepake ty rakemba
toy amy t'ie nivamba. 5 Toe nandily antika amy Hake ao t'i Mosè t'ie ifetsaham-
bato; ino mb-arè ty asa'o? 6 Nanoe' iereo zay hitsoke aze, hamente ty hanesehañe
aze. F'ie nibotreke t'Iesoà, nanokitsokitse an-drambom-pità'e an-tane eo, 7 Aa ie
nimane ontane ama'e iareo, le niongake naho nanoa'e ty hoe: Ty tsy aman-tahiñe
ama'areo, ee t'ie ty hametsa-bato aolo. 8 Niondreke indraike re, nanokitse an-tane
eo* 9 O nahajanjiñeo, ninankañe kiraikiraike, o zoke'eo aolo ampara' t'ie vahiny le i
rakembay ro añivo eo. 10 Niongake t'Iesoà, le nanoa'e ty hoe: O Rakemba, aia ho o
nanesek' azo'o? Tsy eo hao ty namàtse azo? 11 Leo raike, Talè, hoe re. Le hoe t'Iesoà
ama'e: Zaho ka tsy hañozoñ' azo, akia, ko mandilatse ka.
12 Tinovo' Iesoà am'iereo ty hoe: Failo' ty voatse toy raho; tsy hañavelo añ' ieñe
ao ze mañorike ahy, fa ho an-kazavàn-kaveloñe.
13 Aa hoe ty lie' o Fariseoo aze: Ho nitò aia o talili'oo kanao mitalily vatañe. 14 Tinoi'
Iesoà ty hoe: Ndra te mitalily vatan-dRaho, to i talilikoy; amy te fantako ty nihirifako
naho ty hombako; fe tsy fohi' areo ty niboahako ndra ty hionjonako. 15 O nofotseo ro
fizaka'areo; Zaho tsy mizaka ndra iaia. 16 Fe ndra t'ie mizaka, to ty fizakako; amy te
tsy zaho avao, fa zaho naho i Rae nañitrik' ahiy. 17 Toe pinatetse amy Hà'areoy te
to taroñe t'indaty roe.†
18 Izaho mitalily vatañey, ty raike, mitalily ahy ka i Raeko nañirak' ahiy. 19 Aa le
hoe iareo tama'e: Aia v'o Rae'oo? Tinoi' Iesoà: Tsy mahafohiñ' ahy ndra i Raeko
nahareo; naho napota' areo raho le ho nahafohiñe an-dRaeko ka.
20 Sinaontsi' Iesoà amy fanontonan-dralay i hoe zay, ie nañoke añ' anjomban'
Añahare ao; le tsy teo ty nipao tañañ' ama'e; amy te mboe tsy nitsatoke ty ora'e.
21 Le hoe ty natovo' Iesoà am'iereo: Hienga raho, ho paiae' areo fe hivetrak' amo
hakeo' areo. Tsy lefe' areo hombañe i hombakoy. 22 Le hoe ty asa' o Tehodao: Hera
hamoe' fain-dre? Ie manao ty hoe: Ze hombako tsy ho lefe' areo hombañe. 23 Aa le
hoe re tam' iereo: Hirik' ambane ao nahareo; boak' ambone raho. Ami'ty voatse toy
nahareo; fe tsy ami'ty voatse toy raho. 24 Aa le hoe ty nitaroñako, t'ie hikoromak'
amo hakeo' areoo, fa naho tsy atokisa' areo t'Ie Raho‡, le hihomake an-tahi' areo.
25 Le hoe iareo tama'e: Ia v'Iheo? Hoe ty nanoa' Iesoà: I nitaroñako am-baloha'ey.
26 Mbe bey ty ho nitaroñako naho ty hizakako, fe to i nañirak' Ahiy; le taroñeko
ami'ty voatse toy o itsanoñakoo. 27 Tsy napota' iereo t'ie nisaontsy i Rae. 28 Aa le hoe
ty nanoa' Iesoà: Ie aonjo' areo i Ana' ondatiy, le ho fohi' areo te ie raho, le tsy eo
ty anoeko an-tsatriko, fa ze ampandrendrehen-dRaeko ahy, zay o volañekoo. 29 Toe
amako i nañitrik' Ahiy, le tsy apo'e hiziozio raho, amy te nainai'e fanoeko o raha
tea'eo. 30 Ie nisaontsy zay, le maro ty niantok' aze.
31 Aa le hoe t'Iesoà tamo Jiosy mpiato ama'eo: Naho mitoloñe amo fivolakoo
nahareo, le toe mpiamako; 32 le ho fohi' areo ty hatò vaho ho hahà' ty hatò. 33 Hoe ty
natoi' iareo aze: Tarira' i Abraàme zahay, le mbe lia'e tsy rinohi' ondaty; Akore arè
ty natao'o te, Ho hahañe nahareo?
34 Tinoi' Iesoà ty hoe: Eka! to ty itaroñako te fonga ondevon-kakeo ze manao hakeo.
35 Tsy mipiteke añ' anjomba ao ty ondevo, fe mimoneñe ao nainai'e ty anake. 36 Aa

* 8:8 Irm 17:13 † 8:17 Its 19:15 ‡ 8:24 Avo 3:14 , naho amy a.57

ie hahà’ i Anakey, le ho vata’e votsotse. 37 Apotako t’ie tiri’ i Abraàme; f’ie mipay
ty hahavetrak’ ahy amy te tsy itoera’ o volakoo. 38 Taroñeko o nitreako te nindre
aman-dRaekoo; vaho anoe’ areo ze jinanji’ areo aman-drae’ areo.
39 Tinoi’ iereo ty hoe: Rae’ay t’i Abraàme. Le hoe ty natoi’ Iesoà: Naho àna’ i
Abraàme, anò o fitoloña’ i Abraàmeo; 40 f’ie henaneo, mipay hamono ahy—ondaty
mitaron-kavantañañe ama’ areo, o tsinanoko aman’ Añahareo. Tsy nanao zay t’i
Abraàme. 41 Toe anoe’ areo ty satan-drae’ areo. Aa hoe iereo tama’e: Tsy anak’
amonton-jahay; raike ty Rae’ay, i Andrianañahare. 42 Hoe t’Iesoà am’ iereo: Aa
naho Rae’ areo t’i Andrianañahare, le ho nikoko ahy, amy te i Andrianañahare ty
niboahako naho ty nivotrahako atoy; le tsy ty satriko ty nipotirako atoy, fa ie ty
nañitrike ahy. 43 Akore te tsy apota’ areo o rehakoo? toe tsy mahajanjiñe o volakoo
nahareo. 44 Ie mpiamy mpañinje rae’ areoy, vaho tea’ areo ty manao ze irìn-drae’
areo. Mpañoho-doza boak’ am-baloha’e re vaho tsy mijadoñe ami’ty hatò, amy t’ie
tsy aman-katò ndra loli’e. Ie mivolam-bande, sata’e i fivola’ey, amy t’ie mpandañitse,
toe raem-bande. 45 Fe kanao mitaroñe ty hatò raho, tsy iantofa’ areo. 46 Ia ama’
areo ty manisý hakeo amako; fa naho mitaroñe ty hatò, akore te tsy atokisa’ areo?
47 Mahajanjiñe o saontsin’ Añahareo ze aman’ Añahare, f’ie tsy mahajanjiñe amy
te tsy aman’Añahare. 48 Aa hoe ty natoi’ o Tehodao aze: Tsy to hao ty asa’ay te nte
Samaria rehe naho tokoen’ anga-draty? 49 Hoe ty natoi’ Iesoà: Tsy aman-kokolampan-
draho, fa miasy an-dRaeko, fe tsy iasia’areo. 50 Tsy mipay engeñe ho ahy raho, fe ao
ty mitsoeke naho mizaka. 51 Eka! to ty itaroñako te tsy hahaonin-kavilasy ka ty
miambeñe o volakoo.
52 Le hoe o Tehodao tama’e: Rendre’ay henaneo t’ie tokoen-draha. Nivilasy t’i
Abraàme naho o mpitokio; le manao ty hoe rehe, Tsy hitsope-kavilasy ka ty mifahatse
amo volakoo. 53 Ho bey te amy Abraàme rae’ay hao rehe, ie nihomake? nikoromake
ka o mpitokio; aa le manao ho ia rehe? 54 Hoe ty natoi’ Iesoà: Naho miasy vatan-draho
le kòake i asikoy. Miasy ahy t’i Raeko, i atao’ areo ty hoe: Andrianañahare’ay. 55 Mbe’
mboe tsy fohi’ areo re, ie fohiko. Aa naho nataoko t’ie ninofiko, le ho nibodiake
hambañ’ ama’ areo raho. Toe fantako re vaho ambenako o tsara’eo. 56 Niankahake
t’i Abraàme te nahaoniñe ty androko; niisa’e le niehake.
57 Le hoe o Tehodao tama’e: Tsy limampolo taon-dRehe, aa vaho ho niisa’o t’i
Abraàme? 58 Hoe t’Iesoà tam’ iereo: Eka! to ty Itaroñako te, taolo te nisamake
t’i Abraàme, Zaho ro§. 59 Nandrambe vato amy zao iereo haretsak’ aze, fe nietake
t’Iesoà, naho niavotse i anjomban’Añaharey.

## 9

*Nampibarabeake ty Fey*

1 Ie niary mb’eo, le nahavazoho ty lahilahy fey, nigoa boak’ amy t’ie nitoly. 2 Le
hoe ty ontane’ o mpiama’eo: O Talè, ia ty nanao tahiñe: ondatio, ke o roae’eo te ie
nisamake goa? 3 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Tsy te aman-kakeo t’indaty tia, ndra o roae’eo,
fa te haboak’ añama’e ty fitoloñan’ Añahare. 4 Tsy mahay tsy manao ty fitoloña’ i
nañitrik’ ahiy tikañe ie mbe antoandro, fa ho avy ty haleñe tsy hahafitoloña’ ondaty.
5 Kanao mbe ami’ty voatse toy raho, le zaho ro failo’ ty voatse toy.
6 Ie nanao zay, le nandrora an-tane, le nilitsahe’e i fañerè’ey vaho natente’e am-
pihaino’e eo i litsakey. 7 Le hoe re ama’e: Akia, misasà añ’ antara’ i Siloama (ze
midika ‘niraheñe’). Aa le niheo mb’eo re nisasa, vaho nahaisake te nibalike.
8 Hoe o mparine azeo naho ze mpahaisak’ aze ie mbe nimpangatake: Tsy itoy
hao i mpangatake nitozòkey? 9 Ty ila’e nanao ty hoe: Ie ‘nio. Hoe ka ty ila’e:
Aiy! hambañ’ ama’e. Hoe re: Ie raho. 10 Aa le hoe iareo tama’e: Aa vaho inoñe

§ **8:58** Avo 3:13

ty nampibarababeake o maso'oo? [11] Nanoiñe ty hoe re: Nikineke litsake t'indaty
itokavañe ty hoe Iesoà, le nafò'e amo masokoo vaho nanao amako ty hoe: Akia
mb'añ'antara' i Siloama añe le misasà. Aa le nomb'eo raho nisasa, vaho mahatrea.
[12] Le hoe iereo tama'e: Aia re? Nofiko, hoe re.
[13] Nindese' iereo mb'amo Fariseoo mb'eo indaty nigoay. [14] Sabotse 'nio i andro
nanoe' Iesoà i litsakey naho nampibeake o fihaino'eoy. [15] Mbe nañontanea' o
Fariseoo indraike i nahaisaha'e. Le hoe re tam'iereo: Nifora'e litsake o masokoo
naho nisasa raho vaho mahatrea. [16] Le hoe ty asa' o Fariseo ila'eo: Tsy aman'
Añahare indatiy kanao tsy ambena'e i Sabatay. Hoe ka ty ila'e: Aia, ty hahatafetera'
ty mpanan-kakeo raha tsitantane hoe itia? Le nifampiria iareo. [17] Aa hoe iereo amy
nigoay: Ino ty ho talilie'o aze, ie nanokake o maso'oo? Le hoe re: Mpitoky reke.
[18] Fe tsy niantofa' o Tehodao t'ie nigoa vaho nampahaisaheñe, naho tsy kinanji'
iareo hey ty roae' i nampahatreavañey [19] vaho nañontane iareo ty hoe: Ana' areo
v'itoio, i natao' areo te nitoly goay? Akore ty ahatreava'e henanekeo? [20] Le hoe
ty natoin-droae'e: Apota'ay te ana'ay toke naho t'ie nitoly goa; [21] fe amoea'ay
ty ahatreava'e henaneo, tsy fohi'ay ty nampibarababeak' aze. Añon-taon-dre,
añontaneo, ie ro hitalily vatañe. [22] Zay i sinaontsin-droae'ey amy te nihembañe
amo Tehodao, ami'ty nifañinà' o Tehodao te haitoañe amo fitontonañeo ze miantoke
t'ie i Norizañey. [23] Zay ty nanoan-droae'e ty hoe: Añon-taon-dre, añontaneo.
[24] Kinanji' iereo fañindroe'e indaty nigoay, le nanoa' iareo ty hoe: Toloro engeñe
t'i Andrianañahare; fohi'ay te bey hakeo indatiy. [25] Hoe ty natoi'e: Ke bey hakeo re,
tsy apotako. Raha raike ty fantako: nigoa raho, fa mahatrea. [26] Nindrai' iareo ontane:
Ino ty nanoe'e ama'o? Akore ty nampibarababeahe'e o maso'oo? [27] Tinoi'e ty hoe, Fa
vinolako! f'ie tsy nitsendreñe, ino ty hijanjiña' areo indraike? va'e te ho mpiama'e
ka? [28] Aa le nonjire' iereo, ami'ty hoe: Ihe ro mpiam' indatiy! mpiamy Mosè zahay.
[29] Fohi'ay te nisaontsien' Añahare t'i Mosè, fe ondaty zao, nofi'ay ty nihirifa'e.
[30] Tinoi' i lahiy ty hoe: Hete! mahavereñe te tsy fohi' areo ty nihirifa'e, f'ie
nampibeak' o masokoo! [31] Fohintika te tsy mijanjiñe ty bey hakeo t'i Andrianañahare
fe naho mitalaho aman' Añahare t'indaty naho manao ty satrin' arofo'e, le janji'e.
[32] Boak'ami'ty fifotoran-tsa, mbe tsy nijanjiñeñe te nampibarababeaheñe t'indaty
toly goa. [33] Aa naho tsy mpiaman' Añahare indatiy, tsy ho nahatafete-draha. [34] Hoe
ty natoi' iareo aze, Fonitse hakeo rehe te nitoly, ihe ka ty mañòke anay? Le sinoi'
iereo añe.

### *Hagoàn-Arofo*

[35] Jinanji' Iesoà te rinoa' iereo, le hoe re t'ie nitendreke, Atokisa'o hao i ana'
Ondatiy? [36] Tinoi'e ty hoe: Ia v'izay, Talè? hatokisako. [37] Hoe t'Iesoà tama'e: Fa
niisa'o, mbore ie o mirehak' ama'oo. [38] Le hoe re: O Rañandria, miantoke raho! Le
niambanea'e.
[39] Le hoe t'Iesoà: Zaka ty nombàko mb'ami'ty voatse toy hampahaisake o tsy
mahaoniñeo, vaho hampigoa o mahaisakeo.
[40] Nanoa' o Fariseo nindre ama'e naho nahajanjiñe i hoe zaio, ty hoe: Goa ka
v'izahay? [41] Hoe t'Iesoà am'iereo: Tsy ho nanan-kakeo nahareo naho nifey; f'ie nanao
ty hoe: Mahatrea zahay; le mbe tambatse an-kakeo.

## 10

### *Mpiarak' añondry Soa*

[1] Eka! to ty taroñako t'ie tsy mizilik' amy lalam-bein-jolon' añondriy, fa
manganik' an-dàlan-kafa ro mpikizo naho mpampikametse. [2] I mizilike mb'an-
dalam-bei' i goloboñeiy ty mpiarake o añondrio. [3] Ie ty sokafe' i mpañambeñey,

naho mahatsanoñe i fiarañanaña'ey o añondrio, mbore tokave'e ami'ty añara'e o
añondri'eo, vaho iaoloa'e boak'ao. 4 Ie hene akare'e o azeo le iaoloa'e vaho orihe'
o añondrio amy te mahazatse iareo i fiarañanaña'ey. 5 Toe tsy horihe' iereo ty
ambahiny, fe mandrife, amy te tsy mahazatse iareo ty feo' o ambahinio. 6 Nirazañe'
Iesoà am'iereo izay f'ie tsy naharendrek' o tsinara'eo. 7 Le nitovoña' Iesoà ty
hoe: Eka! to t'itaroñako te zaho o lalambein' añondrio. 8 Mpampikametse naho
mpikizo iaby o taolokoo vaho tsy itsanoña' o añondrio. 9 Zaho i lalam-beiy: ndra iaia
mizilik' añamako ro ho rombaheñe, himoake ao re naho hiakatse vaho hitendreke
fiandrazañe. 10 Kanao mikamoak' ao ty mpikizo le ty hampikametse naho hañè-doza
vaho hanjamañe. Avy raho, hanaña' iareo haveloñe, vaho hanañe aze am-bokatse.

11 Zaho i mpiarake soay, mahafoe ty fiai'e ho a o añondrio i mpiarake soay. 12 Tsy
mpiarake i tsimañajay: tsy aze o añondrio, ie trea'e te mipoteake ty farasy, le apo'e o
añondrio naho mibioñe naho itsepaha' i farasiy vaho ampiparatsiahe'e. 13 Mirimatse
re fa mpikarama, toe tsy darè'e o añondrio. 14 Zaho ro mpiarake soa, fantako o ahikoo
vaho apota' o ahikoo raho, 15 hambañe ami'ty faharofoanan-dRaeko ahy naho ty
fahafohinako an-dRae, vaho amoeako aiñe o añondrikoo. 16 Mbe aman' añondry ila'e
tsy mpiami' ty zoloke toy raho; tsi-mete tsy hendeseko mb'etoa iereo, ie hitsanoñe
ty feoko vaho ho lia-raike reketse Mpiarake raike. 17 Zao ty ikokoan-dRaeko ahy, te
amoeako ty fiaiko handrambesako aze indraike. 18 Tsy t'ie haloli' ondaty amako, fa
lahako ty hamoe aze. Amako ty lily hamoeako aze, naho amako ty lily handrambesako
aze indraike. Rinambeko aman-dRaeko i lily zay.

19 Aa le nifanìmpa-kevetse indraike o Tehodao ty amy tsara zay. 20 Maro am' iereo
nanao ty hoe: Aman' anga-draty re naho minèñe, ino ty ijanjiña' areo aze? 21 Hoe
ka ty ila'e: Tsy fisaontsi' ty aman-kokolampa i tsara rezay. Mahabarababeake ty goa
hao o kokolampao?'

### *Lie-Drokoñe amy Sabadidam-Pañorizañey*

22 Tsatoke asotry e Ierosaleme ao i sabadida-pañorizañey*, 23 le nidraidraitse
añ'anjomban' Añahare an-kiririsa' i Solomona ao t'Iesoà 24 vaho nihimpok' ama'e
o Tehodao nanao ty hoe: Pak' ombia rehe te mbe hampitarik' aiñe anay? Naho ihe i
Norizañey, adodeo. 25 Tinoi' Iesoà ty hoe: Fa nitaroñako, fe tsy iantofa'areo; mitalily
ahy o raha tsitantane anoeko amy tahinan-dRaekoio. 26 Fe tsy iantofa' areo amy t
'ie tsy mpiamo añondrikoo. 27 Mitsanoñe ty feoko o añondrikoo naho fantako iereo
naho orihe' iereo, 28 naho itolorako haveloñe nainai'e, ie tsy hihomake ka, vaho tsy
eo ty hanintake iareo an-tañako. 29 Toe natolon-dRaeko amako, ie ty bey te amy ze
he'e; vaho leo raike tsy hahatavañe iareo am-pitàn-dRae. 30 Raike raho naho i Raeko.
31 Nandrambe vato indraike o Tehodao, hafetsak' ama'e. 32 Hoe ty natoi' Iesoà: Maro
ty sata-soa nitoroako boak' aman-dRaeko, aia amy rezay ty handretsaha' areo vato?
33 Natoi' o Tehodao ty hoe: Tsy t 'ie sata soa ty ametsaha'ay vato, fa i terateray, naho
amy te Ihe, ondaty, manao ho Andriananañahare.

34 Natoi' Iesoà ty hoe: Tsy pinatetse amy Hà'areoy hao ty hoe: Vinolako te
ndrañahare nahareo†? 35 Aa naho natao'e ndrañahare o nivotraha' i tsaran'
Añahareio—toe tsy mete lilareñe i Sokitse Masiñey— 36 le akore te atao' areo
mpiteratera i nimasiñen-dRae naho nañitrike aze mb'ami'ty voatse toiy, amy nataoko
te Anan' Añahare Raho? 37 Ko miantok' ahy naho tsy anoeko o fitoloñan-dRaekoo.
38 F'ie anoeko, ndra te tsy haoñe' areo, iantofo o tolon-drahao, hahafohiñe naho
haharendreke te amako t'i Rae, vaho ama'e raho. 39 Aa le nipay hitsepak' aze indraike
iereo f'ie nibolititse am-pità' iareo.

* **10:22** Han'nakà (Heb) Faniahiañe ty nandrebaha' t'Iehoda Makabeasy † **10:34** Sab 82:6

40 Nibalike mb’ an-dafe’ Iordaney añe re amy nampilipora’ i Jaona valoha’ey vaho
nañialo eo. 41 Maro ty nimb’ ama’e, nanao ty hoe: Tsy nanao raha tsitantane t’i Jaona,
fe hene to i nisaontsie’e indaty tìañe. 42 Maro am’iereo ty niantok’ aze.

# 11

*i Lazarosy*

1 nTeo t’indaty nisiloke, i Lazarosy nte-Betania, an-drova’ i Marie naho i Marta
rahavave’e; 2 ie i Marie nañosotse solik’ amy Talè naho namaoke o fandia’eo amo
maroi’eo. I Lazarosy rahalahi’ey ty nisiloke, 3 aa le nampihitrife’ i rahavave’e rey
ama’e ty hoe: O Talè, Inao! siloke i rañe’oy. 4 Ie nahajanjiñe zay t’Iesoà, le hoe
re: Tsy higadoñe an-kamomohañe i hasilofañe zay, fa ho ami’ty engen’ Añahare,
handrengeañe i Anan’ Añaharey. 5 Nikokoa’ Iesoà t’i Marta naho i rahavave’ey vaho
i Lazarosy. 6 Aa naho jinanji’e t’ie niheta’e le mbe nitamañe roe andro an-toe’e eo
avao.
7 Ie añe le hoe re amo mpiama’eo, Antao hionjomb’e Iehodà indraike. 8 O Talè, hoe
o mpiama’eo: anianike te nipay hametsa-bato ama’o o Tehoda, aa le hibalike mb’eo
v’Iheo? 9 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Tsy ora folo-ro’amby hao o fangen’ antoandroo? Ie
mañavelo an-tariñandroke ondatio le tsy hitsikapy amy te isa’e ty hazava’ ty voatse
toy. 10 Fa ie manjotike haleñe t’indaty, le hitsikapy amy te tsy ama’e i hazavàñey.
11 Ie nanoe’e zay, le tinovo’e ty hoe: Fa mirotse i rañen-tika Lazarosiy; fe homb’eo
raho hanohiñ’ aze amy firota’ey. 12 Aa hoe o mpiama’eo: O Talè, kanao mirotse
re, tsy t ‘ie mihajangañe hao? 13 I havilasi’ey ty nitsarae’ Iesoà; fe natao’ iereo te i
fitofà’e am-piròtsey ty nienta’e. 14 Aa le nabeja’ Iesoà ami’ty hoe: Toe fa nivetrake
t’i Lazarosy. 15 Le ehake ty ama’areo raho te tsy añe, hatokisa’ areo; antao homb’
ama’e mb’eo. 16 Le hoe t’i Tomasy (atao Didimo) amo mpifañosoñe ama’eo: Antao
ka tika hitrao-pihomak’ ama’e.
17 Ie pok’eo t’Iesoà, zoe’e t’ie fa efats’ andro an-donak’ ao. 18 Toe marine’
Ierosaleme ty Betania, miha folo-lim’ amby stadia avao; 19 maro amo Tehoda ty
nomb’amy Marta naho i Marie mb’eo nañotroñe iareo ty amy rahalahi’ iareoy. 20 Ie
nirendre’ i Marta te nimb’eo t’Iesoà le niavotse nanalaka aze, fe tambatse añ’anjomba
ao t’i Marie.
21 Le hoe t’i Marta amy Iesoà: O Talè, naho teo rehe tsy ho nivilasy i rahalahikoy.
22 Fe apotako, ndra henanekeo te ze halalie’o aman’ Añahare, ro hatolon’ Añahare
Azo. 23 Hoe t’Iesoà tama’e: Hitroatse i rahalahi’oy. 24 Hoe t’i Marta: Fantako t’ie
hivañom-beloñe amy fivañonam-belo’ i andro honka’eiy. 25 Hoe t’Iesoà tama’e:
Zaho o fivañonan-koveloñeo naho o haveloñeo; ho veloñe ze miato amako, ndra te
vilasy. 26 Tsy ho vilasy ka ze veloñe miato amako. Atokisa’o v’izao? 27 Hoe re tama’e;
Eñ’anio Talè, atokisako te Ihe i Norizañey, i Anan’ Añahare nivotrak’ ami’ty voatse
toiy. 28 Ie nanoe’e zay, le nienga hikoike i Marie rahavave’e vaho natola’e, nanao
ty hoe: F’atoy t’i Talè, mikanjy azo. 29 Ie jinanji’e zay le niongak’ amy zao vaho
nimb’ama’e mb’eo. 30 Mbe tsy nigodañe an-tanàñe ao t’Iesoà, fa tamy nanalakà’ i
Martay avao. 31 Ie nioni’ o Jiosy naho mpañohò mindre amy Marie añ’anjomba’eo t’ie
niongake masìka naho niavotse, le nanonjohy aze fa natao’ iareo t’ie nimb’an-donake
mb’eo hirovetse. 32 Ie pok’ amy Iesoà eo t’i Marie, le niisa’e naho nihohok’ am-
pandia’e eo, nanao ty hoe: O Rañandria naho teo rehe tsy ho nihomake i rahalahikoy.
33 Ie nivazoho’ Iesoà t’ie niharovetse naho te nirovetse ka o Jiosy nindre ama’eo, le
niselekaiñe añ’arofo ao vaho nioremeñe, 34 nanao ty hoe: Aia ty nandrohota’ areo
aze? Hoe iereo tama’e: O Talè, mb’etoañe hivazoho. 35 Nirovetse t’Iesoà. 36 Le
hoe o Tehodao, Hehe ty fikokoa’e aze! 37 Fa hoe ty ila’e: Aa vaho akore ondatio, ie
nampibeake ty fihaino’ o feio, tsy ho nikalañe indatiy tsy ho nihomake?

### *Vineloñe t'i Lazarosy*

[38] Niroreke indraike t'Iesoà, le nimb' an-donake mb'eo, ie lakato ginabem-bato.
[39] Le hoe t'Iesoà: Adogeràto o vatoo. Fe nanoa' i Marta, rahavave' i nivilasiy, ty
hoe : O Talè, mitrotròtse re henaneo, fa efats' andro! [40] Hoe t'Iesoà ama'e: Tsy
vinolako hao te ihe matoky ro hahaoniñe ty engen' Añahare? [41] Aa le nadogera'
iereo i vatoy. Niandrandra t'Iesoà nanao ty hoe: O Aba, mañandriañe Azo raho
fa jinanji'o. [42] Fantako te ijanjiña'o nainai'e, fe ondaty mijohanjohañ' etoañeo ty
nivolañako, hatokisa'e te ihe ro nañitrik' ahy. [43] Ie nanao zay le nipazah'e ty hoe:
O Lazarosy, miakara! [44] Niakatse i nivilasiy, nivahoren-damban-dolo o fità'e naho
fandia'eo, mbore nibandieñe lamba-leny i lahara'ey; vaho hoe t'Iesoà tam' iereo:
Draito, apoho hidraidraitse.

### *Te Hañè-doza Ama'e*

[45] Aa le maro amo Jiosy nitilike i Marieo, ie nahaisak' i nanoe' Iesoày, ro niantok'
aze. [46] Fe ty ila'e niheo mb'amo Fariseoo mb'eo nitalily o nanoe' Iesoào. [47] Aa
le nanontom-pivory o mpisorom-beio naho o Fariseoo vaho nanao ty hoe: Ino ty
hanoen-tika? amy te maro ty viloñe anoe' indatiy. [48] Ie apo-tika hitoloñe hoe zay,
le hene hiantok' aze, vaho hivotrak'eo o nte Romao hitavañe ty toen-tika naho ty
fifehean-tika. [49] Aa hoe ty raik' am'iereo, i Kaiafa, talèm-pisoroñe amy taoñe zay:
Tsy maha-pi-draha nahareo! [50] Tsy aereñere' areo hao te mahasoa anahareo te
hivilasy ho a ondatio t'indaty raike, ta te fonga ho rotsaheñe i fifeheañey? [51] Tsy
te aze i entañe zay, fa t'ie ni-talèm-pisoroñe amy taoñey ro nitoky te hivetrake ho a
i fifeheañey t'Iesoà, [52] vaho tsy ho a' i fifeheañey avao, fa hatonto'e ho raike o anan'
Añahare miparaitakeo. [53] Nifototse amy andro zay, le nikinia ty hañoho-doza ama'e
iareo
[54] Aa le tsy nañavelo aivo' o Tehodao ka t'Iesoà, fa nivike mb'an-tane marine' i
fatram-beiy naho nimb'an-drova atao Efraime, vaho nañialo ao rekets' o mpiama'eo.
[55] An-titotse henane zay i Fihelañ' ambone' o Jiosioy, le niavotse hirik' an-kalok'ao ty
maro nionjoñe mb'e Ierosaleme mb'eo aolo' i Fihelañey, hiefetse. [56] Aa ie nitsoetso-
eke Iesoà le nifamesoveso o nijohanjohañe añ' anjomban' Añahare aoo, ty hoe: Akore
ty heve' areo? Tsy homb' an-tsàndalam-bey atoa hao re? [57] Ie amy zao, fa linili' o
mpisorom-beio naho o Fariseoo te tsi-mete tsy mitalily ze mahafohiñe ty anjoañ' aze,
hitsepaha' iareo.

### *Nihosorañe i Norizañey Mat 26.6-12; Mar 14.3-9*

# 12

[1] Ie eneñ' andro taolo' i Fihelañey, le nomb'e Betania mb'eo t'Iesoà, amy
nampivañoneñe i Lazarosy amy havilasiy. [2] Le nañalankaña' iereo ty mahakama
hariva, i Marta ty nitoroñe, le mpiamo nidegañe am-pandambañañe mindre ama'eo
t'i Lazarosy.
[3] Rinambe' i Marie ty soli-drame* rai-litatse saro-bily naho nahoso'e ty fandia' Iesoà
vaho nifaohe'e ami'ty maroi'e o fandia'eo, le nañatseke i anjombay ty harifondrifo'
i solikey.
[4] Le hoe t'i Jodasy nte-K'riote, raik' amo mpiama'eo, i nikililly hifotetse azey:
[5] Akore te tsy naletake bogady telon-jato i solikey hatolotse amo rarakeo? [6] Tsy
t'ie ni-mpitretrè rarake te nanao zay, fa toe ni-mpikizo. Ie nimpitàn-koroñe vaho
nampikamets' ama'e. [7] Le hoe t'Iesoà: Adono, fa nahaja'e ho ami'ty andro
andeveñañe ahy o raha zao. [8] Mbe ama' areo lomoñandro o rarakeo; fe izaho tsy
ho ama' areo nainai'e.

---

* **12:3** Narda: soli-mañitse boak'am-baha-katae

[9] Aa le maro amo Tehodao ro nahafohiñe t'ie tao vaho nimb'eo, tsy ty amy IESOÀ
avao, fa t'ie hahaisake i Lazarosy natroa'e amy havilasiy. [10] Aa le nikinia hañè-doza
amy Lazarosy ka o mpisorom-beio. [11] amy t'ie ty nivevea' ty Jiosy maro, vaho niato
am' IESOÀ.

### *Nigodañe mb'eo am-Pandrebahañe Mat 21.1-9; Mar 11.1-10; Lke 19.29-38*

[12] Amy loak'androy, ty valobohoke bey niavy hamonjy i sabadidakey, ie nahajanjiñe
te fa hizilike am'Ierosalaime t'IESOÀ, [13] ro nandrambe ràn-tsatrañe naho niavotse
hifanalaka ama'e vaho nisalale ty hoe:
Ehe rombaho!
Andriañeñe t'i Mpanjaka' Israele!
I mitotsak' ami'ty tahina' IEHOVÀy†
[14] Ie tendrek' ana-borìke t'IESOÀ le niningitse, ty amy pinatetse, ty hoe:
[15] Ko hembañe, ry anak-ampela' i Ziona;
Heheke! totsake i Mpanjaka'oy,
miningitse ana-borìke. ‡
[16] Tsy nirendre' o mpiama'eo hey izay; ie nirèngeñe t'IESOÀ vaho nitiahi' iereo te
pinatetse ty ama'e zay naho t'ie nanoeñe. [17] Aa le nivave talily, ondaty nindre ama'e
t'ie nikanjy i Lazarosy hiakatse i lonakey vaho nampitroare'e an-kavilasy. [18] Zay ka ty
talim-panalakà' i màroy aze, ie nahajanjiñe te nanoe'e i viloñe zay. [19] Aa le nifanao
ty hoe o Fariseoo: Hehe te milesa nahareo, inao, mañorik' aze iaby ty voatse toy.
[20] Tamo nionjomb'eo hitalaho amy sabadidakeio ty nte-Grika [21] niheo mb'amy Filipo
nte Betsaida' i Galilia mb'eo nipay aze ami'ty hoe: O aba, te hahatrea IESOÀ zahay.
[22] Nimb'amy Andrea mb'eo t'i Filipo amy entañe zay, le sinaontsi' i Filipo naho i
Andrea am' IESOÀ.

### *Fañòhañe ty amy Norizañey*

[23] Hoe ty natoi' IESOÀ: Fa tondroke ty ora te ho rengèñe i Ana' ondatiy. [24] Eka! to
t'itaroñako, naho tsy mipok' an-tane eo ty tabirin' ampemba vaho mate, le midoñe
ho tokañe ao avao; fa ie mate ro hamokatse bey. [25] Ze mikoko ty fiai'e ro mampianto
aze; f'ie malain-ty fiai'e ami'ty voatse toy ro mañaja aze ho amy haveloñe nainai'ey.
[26] Naho eo ty hitoroñ' ahy, soa re te hañorik' ahy; fa amy itoerako ty hitoera' i
mpitorokoy; iasian-dRae ze mitoroñe ahy. [27] Embetse ty troko henaneo, inoñe ty
ho volañeko? O Aba rombaho ami'ty ora toy raho? fe toe talin-diako ty ora toy. [28] O
Aba, rengeo ty tahina'o. Le niboak' andindìñe ao ty fiarañanañañe nanao ty hoe: Fa
nirengèko mbore ho rengèko. [29] Nahajanjiñe zay i màro nizorazoray, le hoe iereo:
Nangotroke! hoe ka ty ila'e: Nisaontsia' ty Anjely. [30] Hoe ty natoi' IESOÀ: Tsy zaho
ty niboaha' i fiarañanañañey, fa inahareo. [31] Henane zao o fizakañe ty voatse toio;
henaneo ty hañitoañe ty mpifehe' ty voatse toy. [32] Aa ie ongaheñe ami'ty tane toy
raho le ho taoneko amako ze kila ondaty. [33] Ty hampahafohinañe i havilasy ho lià'ey
i nisaontsie'ey. [34] Natoi' i màroy ty hoe: Jinanji'ay amy Hake ao te ho veloñe nainai'e i
Norizañey, aa vaho akore ty anoa'o ty hoe: Tsy mahay tsy hengaeñe i Ana' ondatiy?
Ia ze o Ana' ondaty zao? [35] Le hoe t'IESOÀ am'iereo: Mbe tsitrà-pie ty hindrezan-
kazavàñe ama' areo. Mañaveloa t'ie an-kazavàñe, ke hivotrahañ' ieñe; amy te tsy
apota' ty mpañavelo añ'ieñe ao ty homba'e. [36] Ie mbe ama' areo i hazavàñey, le
iantofo i hazavañey, soa t'ie ho anan-kazavàñe. Ie tsinara' IESOÀ le nienga vaho
nietake. [37] Ndra te maro ty viloñe nanoe' IESOÀ añatrefa' iereo, tsy niantoke iereo,
[38] hampahaheneke i enta' Isaia mpitoky nitsarae'ey, ty hoe:
Ry IEHOVÀ, ia ty niantoke ty talili'ay?
Vaho nampalangeseñe ama'ia ty fità' IEHOVÀ?§

† **12:13** Sab 118:26 ‡ **12:15** ZEK 9:9 § **12:38** Ies 53:1

39 Aa le tsy mete nañaoñe iereo, amy tinovo' Isaiay ty hoe:
40 Nigoà'e ty fihaino' iareo,
naho nampigañe'e ty arofo' iareo,
soa tsy hahaisake ty fihaino' iareo
ndra hahaoniñe ty arofo' iareo,
himpolia' iereo ho jangañeko.*
41 Nitaroñe' Isaia zay, ie nahaoniñe ty enge'e vaho nitalily aze. 42 Toe maro
amo roandriam-beio ty niantok' aze; f'ie tsy nitalily aze ty amo Fariseoo, hera
haitoañe amo fitontonañeo, 43 amy te ninò' iareo ty fandrengea' ondatio ambone'
ty fandrengean' Añahare.
44 Nikoike ty hoe t'Iesoà: Ze miato amako, tsy zaho ty atokisa'e, fa i Nañitrik' Ahiy.
45 Mahaoniñe i nañirak' Ahiy ty mahaisak' ahy. 46 Pok' etoa ho failo ami'ty voatse
toy raho, soa tsy hidoñe am-pimoromoroñañe ao o miato amakoo. 47 Naho eo ty
mijanjiñe o volakoo fe tsy mañambeñe, tsy zaho ty hizak' aze, amy te tsy t'ie hizaka
ty voatse toy ty nombako mb'etoañe, fa ty handrombake ty voatse toy. 48 Ty mifary
ahy naho tsy mandrambe o volakoo, ao ty hizaka aze; toe hizaka aze amy andro
honka'ey o entañe vinolakoo. 49 Zaho tsy nivolañe an-joton-troke; fa i Raeko nañitrik'
Ahy, Ie ty nanolotse lily ahiko: ze ho volañeko naho ze ho taroñeko. 50 Apotako te
haveloñe nainai'e o lili'eo; aa ie mivolan-draho, le taroñeko do'e ze tsaraen-dRaeko.

# 13

*Manasa ty Fandia' o mpiama'eo*

1 Taolo' i sabadidak' i Fihelañeiy, ie niarofoana' Iesoà te an-titotse ty ora hienga'e
ty voatse toy mb' aman-dRae'e, fa nikokoa'e o aze ami'ty voatse toio, le mbe nikokoa'e
pak'am-para'e. 2 Ie fa nikama le napo' i Ratiy an-tro' i Jodasy nte-Keriote, ana'
i Simona, ty hifotera'e; 3 niarofoana' Iesoà te kila natolon-dRae'e aze am-pità'e
naho t'ie nihitrike hirik' aman' Añahare naho himpoly aman' Añahare añe, 4 aa
le niongak' amy fikamañey re naho nado'e eo o saro'eo naho nandrambe lamba
famorañe vaho nidiañe. 5 Le nañilin-drano an-koveta re vaho nanasa o fandiam-
piama'eo ze nifora'e amy lamba nidia'ey.
6 Aa ie niheo mb'amy Simona Petera, le hoe t'i Petera ama'e: O Rañandria, hanasa
o tombokoo v'Iheo! 7 Natoi' Iesoà ty hoe: Tsy fohi'o hey o anoekoo, f'ie ho rendre'o
te añe. 8 Hoe t'i Petera tama'e: Le lia'e tsy ho sasà'o o tombokoo! Tinoi' Iesoà ty hoe:
Naho tsy isasako, tsy hanañ' anjara' amako rehe. 9 Le hoe ty nanoa' i Simona Petera:
O Rañandria, tsy o tombokoo avao arè, fa o tañako naho lohakoo ka. 10 Tinoi' Iesoà
ty hoe: Tsy mipay ho sasañe ka ty nihariry, naho tsy o fandia'eo, fa hene malio. Malio
ka nahareo, fe tsy ie iaby. 11 Amy te niarofoana'e i hifotetse azey, zay ty nanoa'e ty
hoe: Tsy inahareo iaby ro malio.
12 Ie niharirie'e o fandia' iareoo, le nisaroñe naho niambesatse indraike vaho
nañontane ty hoe: Rendre' areo i nanoakoy? 13 Anoe' areo Talè, naho Androanavy,
le mete i anoa'areoy, amy te ie raho. 14 Aa kanao zaho, Talè naho androanavi'
areo ro manasa o fandia' areoo, le mifampihariry fandia ka. 15 Amy te tinoloko
fitsikombeañe, hanoa' areo i nanoakoy. 16 Eka! to t'itaroñako, te tsy bey te amy
mpifehe azey ty mpitoroñe, naho ty nahitrike te amy nañitrikey. 17 Ie fohi' areo
zay, le ho fale t'ie anoe'areo. 18 Tsy inahareo iaby ty itaroñako, amy te fantako o
jinobokoo, fe tsi-mahay tsy ho heneke o Sokitse Masiñeo, te
Nañonjon-tomitse amako
i niharo nikama amy mofokoy.*

* **12:40** Ies 6:10 * **13:18** Sab 41:9

19 Henane zao, italiliako aolo’ ty hitondroha’e, soa t’ie tondroke, le hatokisa’ areo
t’ie raho. 20 Eka! to t’itaroñako te ze mandrambe ndra iaia ahitriko, le mandrambe
ahy, vaho i mandrambe ahiy ro mandrambe i nañitrik’ ahiy.

*i Nifotetse azey Mat 26.21,22; Mar 14.18,19; Lke 22.21-23*

21 Ie nanao zay t’Iesoà, le nidabahorak’ añ’arofo’e, naho nanao ty hoe: Eka! to
t’itaroñako te hifotera’ ty raik’ ama’ areo. 22 Aa le nifanolitolike o mpiama’eo, fa nofi’
iareo i tsara’ey. 23 Ie amy zao, nirampy añ’ araña’ Iesoà i mpiama’e nikokoa’ Iesoày.
24 Aa le tsinikao’ i Simona Petera re hañontane i nisaontsie’ey. 25 Le ie niato añ’ araña’
Iesoà ro nañontane ty hoe: O Talè, ia v’izay? 26 Hoe ty natoi’ Iesoà: Ty ho tolorako ty
pila’e toy naho fa najoko. Aa ie nalò’e i pila’ey le natolo’e amy Jodasy ana’ i Simona
nte-Keriote. 27 Ie nandrambe i mofoy le nitsamoak’ ama’e i mpañìnjey. Le hoe t’Iesoà
tama’e: I hanoe’oy, anò masìka. 28 Ie amy zao, leo raik’ am-pandambañañe eo tsy
nahafohiñe ty talim-pisaontsia’e. 29 Natao’ ty ila’e te, kanao mpitàn-koroñe t’i Jodasy,
le va’e nanoa’ Iesoà ty hoe: Kalò o paian-tika amy sabadidakeio; ke nampamahana’e
o rarakeo. 30 Aa ie vata’e nandrambe i pila’ey le niavotse; fa haleñe.

*Ty Ami’ ty Hionjona’e*

31 Ie niakatse añe, le hoe t’Iesoà: Henane zao ty andrengeañe i Ana’ ondatiy, vaho
nahazo hasiñe ama’e t’i Andriananañahare, 32 aa naho mandrenge an’ Andriananañahare
re, le ho rengen’ Añahare ka, vaho ho renge’e aniany. 33 O ry anakeo, aniany avao
ty mbe hindrezako. Le hipaia’ areo, naho hambañe amy nitaroñeko amo Tehodaoy
ty hitaroñako, te, Tsy ho lefe’ areo hombàñe ty hionjonako; 34 Lily vao ty itaroñako:
mifampikokoa; manahake ty nikokoako anahareo ro hifampikokoa’ areo. 35 Zao ty
hahafohina’ ie iaby te mpiamako nahareo: t’ie mifampikokoko.

*ty Hiteteza’ i Petera Mat 26.34,35; Mar 14.30,31; Lke 22.33,34*

36 Hoe t’i Simona Petera tama’e: O Rañandria, homb’aia v’Iheo? Natoi’ Iesoà ty
hoe: I andenakoy tsy mete’ areo tonjohizeñe heike; f’ie hañorik’ avao te añe. 37 Hoe
t’i Petera ama’e: O Rañandria, aia ty tsy anonjohizako azo henaneo? Hafoeko ho azo
ty fiaiko. 38 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Hafoe’o ho ahy hao o fiai’oo? To t’itaroñako te mbe
tsy hikekeo i akoholahiy naho tsy fa nitety ahy in-telo rehe.

# 14

*Ohoñe’e o Mpiama’eo*

1 Ko mampihohokohok’ arofo; miatoa aman’ Añahare, iato ka raho. 2 Maro ty traño
añ’anjomban-dRaeko ao, naho tsy zay ho nivolañako. Hionjoñe raho hañalankañe
toetse ho anahareo. 3 Aa kanao homb’eo raho hañajariako toetse, le hibalihako,
handrambe anahareo ho amako, soa te amy itoerakoy ty hitoera’ areo. 4 Apota’ areo
ty hombako, naho fohi’areo ty lalañe mb’eo.
5 Hoe t’i Tomasy tama’e: O Rañandria, Tsy hai’ay ty homba’o; aia ty hahafohina’ay
ty lala homba’o? 6 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Zaho i lalañey, ty hatò vaho ty haveloñe; leo
raike tsy homb’ aman-dRaeko naho tsy añamako. 7 Aa naho fohi’ areo raho, ho fohi’
areo ka t’i Raeko; ie henane zao fa mahafohiñe aze vaho mahaisak’ aze.

*Mihalaly amy Tahina’ey*

8 Hoe t’i Filipo tama’e: O Rañandria, atorò anay t’i Rae, fa mahaeneñe anay zay.
9 Tinoi’ Iesoà ty hoe: Tsy fa ela hao ty nireketan-tika, te ihe mboe tsy mahafohiñe
ahiko ry Filipo? Ze nahaisak’ ahy fa nahaoniñe an-dRae; aa vaho akore ty atao’o ty
hoe: Atorò anay t’i Rae? 10 Tsy atokisa’o hao te zaho ro aman-dRae vaho amako t’i
Rae? Tsy ahy o saontsy itaroñakoo, fa manao o tolon-draha’eo i Raeko mimoneñe

an-troko ato. 11 Matokisa te aman-dRae raho naho te amako t'i Rae; ke iantofo ty amo
fitoloñañeo.
12 Eka! to t'itaroñako te hanoe' ty mpiato amako o fitoloñakoo, vaho mandikoatse
iretoañe ty hanoe'e, amy te homb' aman-dRaeko mb'eo raho. 13 Aa ndra inoñ' inoñe
ty ihalalia' areo ami'ty añarako, le hanoeko, soa te ho rengèñe amy Anakey t'i Rae.
14 Ndra inoñ' inoñe ihalalia' areo ami'ty añarako, le hanoeko.

*Ampitama'e i Arofo'ey*

15 Kanao mikoko ahy nahareo, le hañambeñe o lilikoo; 16 hihalaly aman-dRae raho,
vaho hitolora'e Mpañolotse tovo'e himoneñe ama' areo nainai'e. 17 Ie i Arofon-
kavantañañey; i tsy mete rambese' ty voatse toiy amy te tsy fohi'e mbore nofi'e;
fe mahafohiñe aze nahareo amy t'ie mitrao-pimoneñe ama' areo, toe hitraofa'e.
18 Tsy ho farieko ho bode nahareo fa homb' ama' areo mb'eo. 19 Tsipaepae' zao
tsy ho oni' ty voatse toy ka raho; f'ie ho oni' areo: kanao velon-dRaho, ho veloñe
ka nahareo. 20 Amy andro zay, ho fohi' areo te zaho ro aman-dRaeko naho amako
nahareo vaho ama' areo raho. 21 Ze mamolònkoñe o lilikoo naho mañambeñe
aze, ie ty mikoko ahy; le ho kokoan-dRaeko i mikoko Ahiy naho hikokoako vaho
hampandrendreheko ahy.
22 Le hoe t'i nanoe' i Jodasy (tsy i nte-Keriotey): O Rañandria, akore te zahay ro
hiboaha'o fa tsy ty voatse toy? 23 Tinoi' Iesoà ami'ty hoe: Hifahatse amo volakoo
ty mikoko ahy le hikokoan-dRaeko naho homb'ama'e mb'eo zahay, vaho hanoe'ay
ama'e ao ty akiba'ay. 24 Tsy mikoko ahy ty tsy mañambeñe o volakoo. Tsy ahiko i
tsara janjiñe' areo amakoy fa an-dRaeko nañitrik' ahy.
25 Izaho mb'e mimoneñe ama' areo atoy ty itaroñako i raha rezay. 26 Le hahitrin-
dRaeko ami'ty añarako i Mpañohòy, i Arofo Masiñey; Ie ty hañoke anahareo ze
he'e vaho haniahy ze hene tinaroko. 27 Hapoko ama'areo ty fañanintsiñe, hatoloko
ty fierañerañako; tsy manahake ty fasozo' ty voatse toy ty fanjotsoako. Ko adoke
hiotsotse ty arofo' areo, ko apoke ho hembañe. 28 Fa jinanji' areo i nivolañekoy t'ie
hiavotse vaho hibalike mb'ama' areo mb'etoy. Naho nikokoa'areo le ho nirebeke
t'ie homb' aman-dRaeko añe fa bey te amako t'i Raeko. 29 Ie ty nivolañeko aolo'
te hifetsake, soa t'ie tondroke, le hiantofa' areo. 30 Tsy hivolañe raha maro raho;
amy te mb' etoañe i roandria' ty voatse toiy, f'ie tsy manandily amako; 31 Aa soa ho
fohi' ty voatse toy te mikoko an-dRae raho, le ze andilian-dRae ahy, ty anoeko do'e.
Miongaha, antao hiavotse.

# 15

*Vahe to*

1 Zaho ro vahe to, i Raeko ro mpañalahala. 2 Fonga afaha'e añe ze singa amako
tsy mamoa vaho hene tsengoe'e ze mamoa, hampiegoego o voa'eo. 3 Fa malio
nahareo ty amo tsara nitaroñekoo. 4 Mimoneña amako, le zaho ama' areo. Toe
tsy hamoa ty singa tsy mipitek' ami'ty foto'e, àntsake nahareo naho tsy mimoneñe
amako. 5 Zaho ty vahe, singa'e nahareo. Ze mimoneñe amako naho zaho ama'e, ie ty
hirotrarotra, fa tsy maha-pi-draha t'ie tsy amako. 6 Ndra ia' ia tsy mimoneñe amako
ro hahifik' añe hoe singa, hiheatse, atontoñe naho ariañe añ'afo ao hiforototo. 7 Ie
mimoneñe amako, naho mitobe añ'arofo' areo ao o volakoo le ihalalio ze satrie' areo
vaho hanoañe. 8 Zao ty fandrengeañe an-dRaeko, t'ie mahavokatse bey hamente
te mpiamako. 9 Manahake ty fikokoan-dRaeko ahy ty fikokoako anahareo. Aa le
mimoneña amo fikokoakoo. 10 Ie ambena' areo o lilikoo le himoneñe am-pikokoako
ao, manahake ty fiambenako o lilin-dRaekoo naho mimoneñe am-pikokoa'e ao.

*Mpilongo Sarotse*

11 Nitaroñako irezay soa te ho ama'areo ty hafaleako vaho ho eneñe ty haeha'
areo. 12 Zao o lilikoo: t'ie mifanao roakolahy hambañe amy nikokoakoy. 13 Tsy eo ty
mikoko mandikoatse zao t'ie hahafoe ty fiai'e ho an-drañe'e. 14 Rañeko nahareo naho
manao ze andiliako. 15 Tsy t'ie hanoeko mpitoroñe ka, amy te tsy fohi' ty mpitoroñe
ty anoe' i talè'ey; nataoko rañetse amy te nampandrendrehako ze hene tsinanoko
aman-dRaeko.
16 Tsy inahareo ty nijoboñe ahy, fa zaho ty nijoboñe anahareo naho tinendreko
homb'eo hamokatse vaho hañambeñe o nivokare' areoo; le ndra inoñ' inoñe ty
halalie' areo aman-dRaeko ami'ty añarako ro hatolo'e. 17 Zao ty andiliako anahareo:
mifampikokoa.

*ami'ty Voatse toy o Mpiatoo*

18 Naho malaim-bintañe anahareo ty voatse toy, fohino t'ie nalaiñe ahy hey. 19 Ie
nimpiami' ty voatse toy, ho niteà' ty voatse toy o azeo. F'ie tsy mpiami'ty voatse
toy, amy te jinoboko boak' ami'ty voatse toy, aa le malaiñe anahareo ty voatse toy.
20 Tiahio o tsara nivolañakoo, te: Tsy bey te amy talè'ey ty mpitoroñe. Aa naho
nanoe' iereo samporerake raho, àntsake t'ie ho samporeraheñe. Aa naho folokokoe'
iereo o volakoo, le ho tambozore' iereo ka ty anahareo. 21 Toe hanoe' iereo ama' areo
i hene rezay ami'ty añarako, amy te nofi' iereo i nañitrik' Ahiy. 22 Naho tsy nipok' eo
raho nitaroñe am'iereo, le tsy ho nanan-kakeo, fe tsy eo henaneo ty iveroha'e amo
tahiñeo. 23 Ze malaiñe ahy, malaiñe an-dRaeko. 24 Aa naho tsy nanoeko am'iereo ao o
fitoloñañe mbe tsy nanoe' ondaty, tsy ho nanan-tahiñe, fe henaneo songa nahaoniñe
mbore nañarinjeñe ahy naho an-dRaeko, 25 soa te ho heneke i pinatetse amy Hà'
iereoy manao ty hoe:
Tsy aman-tali'e ty nihejea' iareo ahy.*

*Ty Fampitama'e i Arofoy*

26 Ie avy i Mpañolotsey, i hahitriko ama' areo hirik' aman-dRaey, i Arofon-
kavantañañe miboak' aman-dRaey; ie ty hitalily ahy. 27 Hitalily ka nahareo amy
te nimpiamako boak' am-pifotora'e añe.

## 16

1 Nitaroñako irezay soa t'ie tsy hitsikapy. 2 Haitoañe amo fitontonañeo nahareo;
eka, ho tondroke ty ora, te inao, mitoroñe an'Andriananañahare ze mamono anahareo.
3 Hanoe' iereo amy te tsy nahafohiñe an-dRae naho ahy. 4 Fe nitaroñako, soa te, ie
tsatoke ty ora'e, le ho tiahi' areo te nivolañeko. Tsy nitaroñako hey i entañe zay
am-pifotora'e, itika mbe nitraoke.

*Ty Tolon-draha' i Arofoy*

5 Fe hionjoñe mb'amy nañitrik' ahiy mb'eo raho henaneo, le tsy ama' areo ty
mañontane ahy ty hoe: Aia ty homba'o? 6 F'ie mioremeñe añ'arofo ty amy
entako ama' areoy. 7 Fe ivolañako ty hato, te mahasoa anahareo t'ie hienga, fa
naho tsy mienga le tsy hitotsaha' i Mpañolotsey; aa naho mb'eo raho le hahitriko
mb'ama'areo mb' etoan-dre. 8 Ie avy, ro hampiheve maso ty voatse toy ty ami'ty
tahiñe naho havantañañe vaho fizakàñe. 9 O tahiñeo, amy te tsy miato amako iareo.
10 I havantañañey, fa homb' aman-dRaeko mb'eo raho vaho tsy hahaisak' ahy ka
nahareo. 11 I zakay, fa nafàtse ty mpifehe' ty voatse toy.
12 Mbe maro ty hitaroñako fa tsy leo' areo heike. 13 Ie pok' atoy i Arofon-katòy le
ie ty hiaolo anahareo amy ze hene hatò. Tsy hisaontsy ty aze, fa o janjiñe'eo avao
ty ho taroñe'e vaho haboa'e ama' areo o raha ho avio. 14 Handrenge ahy re naho

* **15:25** Sab 69:4; 109,3

handrambe amako vaho hañento ama'areo, 15 ahiko iaby ze aman-dRaeko, zay ty nitaroñako te hangalak' amy ahikoy re le hentoe'e nahareo.

*Hivalike ho Haehake ty Fihonto'areo*

16 Tsy ho isa' areo raho te aniany; fa betebeteke le ho oni' areo indraike. 17 Hoe ty
vesoveso' o mpiama'e ila'eo: Inoñe i tsarae'e amantikañey, ty hoe: Tsy ho oni' areo raho te aniany, le ho oni' areo indraike te aniany, amy te homb' aman-dRaeko mb'eo?
18 Nindrae' iareo ty hoe: Inoñe ze o Anianike sinaontsi'e zao? Nofi'ay i saontsi'ey.
19 Niarofoana' IESOÀ ty ho nañontanea' iareo vaho nanoa'e ty hoe: Ifañontaneañe hao i asakoy ty hoe: Tsy ho oni' areo raho te aniany; naho ty hoe, Hahaisak' ahy ka nahareo te aniany? 20 Eka, to t'itaroñako t'ie hirovetse naho hangolooloike ty
tañy, fe hitohàke ty voatse toy. Ho azo ty velo-mihontoke nahareo, fe hifotetse ho firebehañe ty fihonto' areo. 21 Tsimboetse ty ampela mitsongo naho tsatoke i ora'ey;
f'ie mahatoly ajajamena le haliño'e i ajale'ey, vaho isoloa'e haehake, amy te toly antane atoy t'indaty. 22 Aa le hiotsòtse hey nahareo henaneo, f'ie ho treako indraike
le hirebeke ty arofo' areo vaho tsy hasinta' ondaty ama' areo ty haehake. 23 Tsy
hañontane ahy ndra inoñ' inoñe nahareo amy andro zay. Eka! to t'itaroñako te,
ze halalie' areo aman-dRaeko ami'ty añarako ro hatolo'e. 24 Pake henàne tsy eo ty
nangataha' areo ami'ty añarako. Mihalalia, le hahazo, hañeneke ty hafalea' areo.
25 Nivolañako am-pandrazañañe irezay; fe antitotse ty andro t'ie tsy handrazañe,
fa hitalily malange i Rae. 26 Hihalaly ami'ty añarako nahareo amy andro zay; tsy
anoeko ty hoe: Zaho ty hihalaly aman-dRaeko ho anahareo; 27 Aiy! toe ikokoan-dRae
ie nikoko ahy, naho natoky te nihirik' aman' Añahare raho. 28 Niboak' aman-dRae
raho, nizilik' ami'ty voatse toy, vaho hiavotako ty voatse toy ho mb' aman-dRae.
29 En! hoe o mpiama'eo tama'e, Malange o saontsi'o henaneo, amy te tsy
mandrazan-drehake. 30 Rendre'ay henaneo te kila arofoana'o, naho tsy paia'o ty
hañontanea' ondaty; zay ty iantofa'ay t'ie hirik' aman' Añahare.
31 Tinoi' IESOÀ ami'ty hoe: Miantoke hao henaneo? 32 Toe ho avy ty ora, eka fa
tondroke t'ie hiparatsiake, songa hamonje ty aze, le ho farie' areo ho joriñe raho; f'ie
toe tsy ho bangiñe fa itraofan-dRae. 33 Nitaroñako irezay soa t'ie hierañerañe amako.
Halovilovy ami'ty voatse toy nahareo; fe manintsiña, fa rinebako ty voatse toy.

## 17

*Mihalaly ho am-Pañova'e*

1 Ie nitsarae' IESOÀ, le niandrandra mb'andikerañe ey, nanao ty hoe: O Aba, fa
tondroke ty ora; rengeo t'i Ana'o, handrengea'e Azo. 2 Fa nimea'o lily re hifehe ze kila
nofotse, soa te ho tolora'e haveloñe nainai'e ze hene natolo'o aze. 3 Zao o haveloñe
nainai'eo, t'ie ho fohi' iereo ry Andrianañahare tokañe to, naho IESOÀ Norizañe
nahitri'oy. 4 Fa nandrengeako an-tane atoy vaho nihenefako i nampitoloñe'o Ahiy. 5 O
Aba itoloro engeñe añila'o eo henaneo amy engeñe nindrezan-tika taolo' ty fifotora' ty voatse toiy.

*Mihalaly ho a o mpiama'eo*

6 Fa nampahafohineko ondaty natolo'o ahy boak' ami'ty voatse toio ty tahina'o, ie nifanaña'o, naho natolo'o ahiko vaho nambena' iereo o tsara'oo. 7 Fa rendre' iereo
henaneo te boak' ama'o ze hene natolo'o ahy, 8 ie natoloko o saontsy nimea'o ahikoo, naho rinambe' iereo, naho rendre' iereo to te boak' ama'o raho vaho antofa' iereo
te Ihe ro nañitrik' ahy. 9 Ihalaliako; tsy ho ami'ty voatse toy ty ihalaliako, fa ho amo
natolo'o ahikoo amy t'ie azo. 10 Kila azo o ahikoo, naho ahiko o azoo; vaho nahazoako
engeñe. 11 Tsy ami'ty voatse toy ka raho, fe ami'ty voatse toy o retoañe, vaho homb' ama'o mb'eo raho. Ry Aba masiñe, tambozoro an-tahina'o o natolo'o ahikoo, soa

t'ie ho raike manahake itikañe. 12 Zaho nimpiam' iereo, le nambenako an-tahina'o o
natolo'o ahikoo; nitambozoreko o natolo'o ahikoo, tsy ia ty nipoke naho tsy i anan-
kamomohañey hampañeneke o Sokitse Masiñeo. 13 Mb'ama'o mb'eo raho henaneo;
naho taroñeko ami'ty voatse toy o entañe zao, handiforañe am'iereo o haehakoo.
14 Fa natoloko iareo o tsara'oo le niheje' ty voatse toy, amy t'ie tsy mpiami' ty voatse
toy, hambañe amy te zaho tsy mpiami' ty voatse toy. 15 Tsy ihalaliako te hakareñe
ami'ty voatse toy iereo, fa t'ie ho kalañeñe ami'ty raty. 16 Tsy mpiama' ty voatse
toy iereo, hambañe amy te zaho tsy mpiami' ty voatse toy. 17 Ampiavaho an-katò
iereo; o tsara'oo ro to. 18 Hambañe ami'ty nañiraha'o ahy mb'ami'ty voatse toy, ty
nañitrifako iareo mb'ami'ty voatse toy. 19 Ie ro añamasiñako vatañe, hañavaheko
iareo añami'ty hatò.

*Mihalaly ho a o Mpiatoo*

20 Tsy ho a iretoañe avao o ihalaliakoo, fa ho amo mbe hiato amako ami' ty tsara'
iareoo; 21 soa te ho raike iaby iereo, hambañe amy te amako Rehe Aba, naho ama'o
raho, vaho ho raik' aman-tikañe iereo, hatokisa' ty voatse toy te nañitrik' ahy rehe.
22 Fa natoloko iareo i engeñe natolo'o ahikoy, soa t'ie ho raike, hambañe amy te itika
ro raike: 23 Zaho am'iereo, naho Ihe amako, hamonirañe iareo ho raike; soa te ho
fohi' ty voatse toy te nañitrik' ahy rehe vaho nikoko iareo, manahake ty fikokoa'o ahy.
24 O Aba, salalaeko te hindre amako ami'ty hitoerako o natolo'o ahikoo, hahaoniñe i
engeñe natolo'o ahiy, amy t'ie nikokoa'o taolo' ty nañoreña'o ty voatse toy. 25 Ry Aba
vantañe, ihe tsy nifohi' ty voatse toy, fe fohiko, naho fohi' iretoañe te Ihe ro nañitrik'
ahy, 26 naho nampahafohineko iareo i tahina'oy, mbore hampandrendreheko, soa te
ho am' iareo i fikokoañe nikokoa'o ahiy vaho izaho am' iareo.

*Finotetse naho Tsinepake Mat 26.47-56; Mar 14.43-52; Lke 22.47-53*

## 18

1 Ie nitsarae' Iesoà, le nionjoñe mindre amo mpiama'eo nitsake ty saka Kedrone
mb'amy goloboney mb'eo le nizilik' ao rekets' o mpiama'eo. 2 Nizatse i toetsey ka
t'i Jodasy, i hifotetse azey, fa beteke nitolak' ao t'Iesoà naho o mpiama'eo. 3 Aa ie
nahazo mpirimbon-dahin-defoñe naho mpifeleke hirik' amo mpisorom-beio naho o
Fariseoo t'i Jodasy, le niheo mb'eo ninday failo naho jiro vaho fialiañe.
4 Kanao fonga niarofoana' Iesoà ty hifetsak' ama'e, le nimb' am' iereo mb'eo nanao
ty hoe: Ia ty paia' areo? 5 Tinoi' iereo ty hoe: Iesoà nte Nazareta. Le hoe re tam' iereo:
Ie raho. Nijagarodoñe am'iereo ao ka t'i Jodasy nifotetse ama'e. 6 Amy nanoa'e ty hoe:
Ie raho, le nidisa-voly iereo, nivaragidiñe an-tane eo. 7 Aa le nindrai'e i ontane'ey: Ia
v'o paia' areoo? Hoe iereo: Iesoà nte Nazareta. 8 Le tinoi' Iesoà ty hoe: Fa nanoeko te
Ie Raho, aa naho mipay ahy, adono hañavelo iretoañe, 9 hampañeneke i nitsarae'ey
ty hoe: Leo raike tsy nipoke amo natolo'o ahikoo.
10 Kanao amam-pibara t'i Simona Petera; napontsoa'e le pinao'e ty mpitoro' i talèm-
pisoroñey, nañitsike ty ravembia'e havana. Malikò ty tahina' i mpitoroñey. 11 Le
hoe t'Iesoà amy Petera: Aziliho an-traño'e o fibara'oo. Tsy hinomeko hao i fitovy
nazotson-dRaeko amakoy?

*Añatrefa' i Anasy eo Mat 26.69-70; Mar 14.66-68; Lke 22.55-57*

12 Aa le nifihine' i mpirimbon-dahin-defoñey naho i mpiaolo'ey naho o mpifele' o
Tehodao t'Iesoà vaho rinohy. 13 Kinozozò' iereo mb'amy Anasy hey re, ie ty rafoza'
i Kaiafa talèm-pisoroñe amy taoñe zay. 14 I Kaiafay i nanoro o Tehodaoy ty hoe:
Mahasoa te ho vilasy ho a' ondatio t'indaty raike.

*Ty Nijejoa' i Petera Valoha'e*

15 Nañorike Iesoà t'i Simona Petera naho ty mpiamy Iesoà raike. Fa nifohi' i talèm-
pisoroñey i mpiama'e zay, le nindre amy Iesoà re nizilik' an-kiririsan-talèm-pisoroñe
ao. 16 Fe nijohañe an-dalam-bey alafe ao t'i Petera. Niakatse amy zao i mpiama'e
nifohi' i taleiy, le nilahatse ami'ty mpañamben-dalañe, vaho nampizilihe'e t'i Petera.
17 Le hoe i ampela mpitàn-dalañey amy Petera: Tsy mpiam' indatiy ka v'iheo? Hoe
re: Aiy! tsy zaho. 18 Nizorazora eo o mpitoroñeo naho o mpigaritseo, ie fa namiañe
afo am-porohañe ao amy te nanara, le namindro; nindre nijohañe am'iereo t'i Petera,
namindro.

### *Ontane' i Talèm-Pisoroñey*

19 Le nañontane Iesoà ty amo mpiama'eo naho o fañòha'eo i talèm-pisoroñey.
20 Tinoi' Iesoà ty hoe: Nivolam-beo' mbeo ami'ty voatse toy raho, nainai'e nañoke
amo fitontonañeo naho añ'anjomban' Añahare fivoria' o Jiosy iabioo, vaho tsy eo ty
nivolañeko añ'etake. 21 Ino ty añontanea'o ahy? Añontaneo o nahajanjiñe i vinolako
am'iereoio, fohi' iereo o nitaroñekoo.
22 Ie nanao zay t'Iesoà, le tinampifi' ty mpigaritse nijohañe eo, vaho nanoa'e ty
hoe: Zao hao ty toi'o i talèm-pisoroñey? 23 Tinoi' Iesoà: Naho nandilatse an-tsaontsy
raho, italilio ty tsy nimete; fe naho nitò, akore t'ie nanampifia'o? 24 Aa le nampanesè'
i Anasy an-drohy mb'amy Kaiafa talèm-pisoroñe mb'eo re.

### *Mitety Iesoà t'i Petera*

25 Ie amy zao, namindro ey t'i Petera, le nañontanea'iereo ty hoe: Tsy mpiama'e
ka v'iheo? Niliere'e ami'ty hoe: Tsy ie raho. 26 Le hoe ty mpitoron-talèm-pisoroñe,
longo' i nikitsihe' i Petera ravembiay: Tsy nitreako nindre ama'e amy ala vondroy
v'iheo? 27 Nandietse indraike t'i Petera; vaho nikekeo i akoholahiy.

### *Ty Balíe añatrefa' i Pilato Mat 27.2, 11-14; Mar 15.1-5; Lke 23.1-5*

28 Ie nimaraindray, nendese' iereo boak' amy Kaiafa mb' amy anjomba i mpizakaiy
mb'eo t'Iesoà, f'ie tsy nimoak' añ' anjombam-pizaka ao tsy mone haleotse tsy mete
hikama i Fihelañey. 29 Aa le niakatse mb'am'iereo mb'eo t'i Pilato, nanao ty hoe:
Inoñe ty anisìa' areo t'indaty tìañe? 30 Le hoe ty natoi' iereo: Naho tsy mpanan-
tahin-dre, tsy ho nasese'ay ama'o. 31 Endeso re, hoe t'i Pilato, zakao an-dili' areo. Aa
le hoe o Tehodao tama'e: Tsy aman-jo hamono ondaty zahay, 32 hañeneke ty tsara'
Iesoà nitaroñe'e ty havilasy hivetraha'ey.
33 Le nizilik' añ'anjombam-pizakañ' ao indraike t'i Pilato nitsikaotse Iesoà naho
nanoa'e ty hoe: Mpanjaka' o Jiosio v'iheo? 34 Tinoi' Iesoà ty hoe: Saontsi'o hao, hera
nisaontsie' ty ila'e ahy? 35 Hoe t'i Pilato: Jiosy v-o ahoo? I foko'oy naho o mpisorom-
beio ty nanese Azo amako; ino o nanoe'oo?
36 Tinoi' Iesoà ty hoe: Tsy ami'ty voatse toy ty fifeheako; fa naho ni-hirik' ami'ty
voatse toy ty fifeheako, le nialy ho ahy o mpitorokoo tsy hasese amo Tehodao; fe tsy
boak' atoañe ty fifeheako. 37 Aa le hoe t'i Pilato ama'e: Mpanjaka v'Iheo! Tinoi' Iesoà:
Saontsi'o te mpanjaka; zay ty nisamahañ' ahy, naho ty nivotrahako ami'ty voatse toy,
hitaroñako ty hatò. Hene mahajanjiñe ty feoko ze mpiami' ty hatò. 38 Hoe t'i Pilato
tama'e: Ino ze o hatò zao? Ie nanao zay, le niavotse mb' amo Tehodao indraike,
nanao ty hoe: Tsy treako ty hakeo ama'e. 39 Fe aman-dily nahareo, ty hañahàko
t'indaty amy Fihelañey. No' areo arè te havotsoko ama' areo t'i Mpanjaka' o Jiosio?
40 Nindrai' iareo an-tazataza ty hoe: Tsy t'indaty tia fa i Barabasy. Malaso i Barabasy
zay.

## 19

1 Aa le rinambe' i Pilato t'Iesoà vaho linapoa'e 2 le rinandra' o lahin-defoñeo
ty hàlam-patike nasabàka amy añambone'ey naho nisaroña' iareo lamba lava

malòmavo [3] vaho nitotok' aze nanao ty hoe: Onjono! Mpanjaka' o Jiosio! mbore
rinarateha' iereo.
[4] Niakatse indraike t'i Pilato le hoe ty asa'e am'iereo: Ingo, ampañatrefeko ama'
areo hahafohina' areo t'ie tsy nahatreavako tahiñe. [5] Le niakatse t'IESOÀ, ama'e i
sabaka fatikey naho i lamba malòmavoy, vaho hoe t'i Pilato: Heheke, ondatio!
[6] Ie niisa' o mpisorom-beio naho o mpigaritseo, le hoe ty koi' iareo: Peho amo
hatae ajaleo re! Peho! Aa hoe t'i Pilato tam' iereo: Rambeso, aradoradò, fa zaho tsy
mahatrea ty tahi'e. [7] Tinoi' o Tehodao ty hoe: Manan-dily zahay, t'ie tsi-mahay tsy
vonoeñe ty amy liliy amy t'ie nanoñom-batañe ho Anan' Añahare.
[8] Akore amy zao ty firevendreveña' i Pilato te nahajanjiñe zay, [9] le niheo mb' añ'
anjombam-pizakañ' ao indraike re nanao ty hoe am' IESOÀ: Hirik'aia v'Iheo? fe ty tsi'
IESOÀ ro tsi'e. [10] Aa hoe t'i Pilato tama'e: Ifoneña'o hao ty tsy hivolañe amako? Tsy
rendre'o hao t'ie aman-dily hañahañe Azo naho lily hampipehañe Azo amy hatae
ajaley? [11] Tinoi' IESOÀ ty hoe: Tsy ho nanan-dily amako rehe naho tsy natolotse azo
hirik' an-dindiñ' añe, aa le i nanese ahy ama'oy ty bey hakeo.
[12] Ty amy hoe zay le nipay ty hañaha aze t'i Pilato, fe tinazataza' o Tehodao ty
hoe: Naho hahà'o ondatio, le tsy rañe' i Kaisara. Mpandietse i Kaisara ze hene
misenge ho mpanjaka. [13] Ie jinanji' i Pilato i entañe zay, le nakare'e t'IESOÀ, vaho
niambesatse ami'ty fiambesam-pizakà'e eo ami'ty toetse atao Traintraiñe*, ie atao
Gabàta ami'ty Hebreo. [14] Ty ora faha-telo† amy Fañalankañañe i Fihelañeiy, le hoe
re amo Tehodao: Ingo t'i Mpanjaka' Areo! [15] Kinorà' iereo ami'ty hoe: Endeso añe,
endeso añe, aradoradò. Hoe t'i Pilato am'iereo: Ho peheko hao ty Mpanjaka' areo?
Tinoi' o mpisorom-beio ty hoe: Tsy amam-panjaka zahay naho tsy i Kaisara. [16] Aa le
natolo'e iareo ho peheñe‡ amy hatae ajaley t'IESOÀ, naho rinambe' iereo,

*Pinatetse Mat 27.32-38, 48, 50; Mar 15.21-26, 36, 37; Lke 23.26-33, 38, 46*

[17] vaho niakatse nitarazo i hatae ajale'ey re mb' ami'ty atao Ankarandoha, toe
Golgota ami'ty saontsy Hebreo. [18] Teo ty nipehañ' aze, nindre ami'ty roe ila'e; songa
añ' ila'e, naho añivo t'IESOÀ.
[19] Nanokitse loham-bolañe t'i Pilato le pinè'e amy hataey vaho nabakabaka'e ty
hoe:
IESOÀ nte Nazareta,
t'i Mpanjaka' o Jiosio.
[20] Aa le maro ty Jiosy nahavaky i sokitsey, amy te marine i rovay ty nandrado-
radoañe IESOÀ ie nibakabaka an-tsaontsy Hebreo naho Latina vaho Grika. [21] Le hoe
o mpisorom-bein-Jiosio amy Pilato: Ko sokire'o ty hoe: Mpanjaka' o Jiosio, fa t'ie
nanao ty hoe: Zaho ro Mpanjaka' o Jiosio. [22] Tinoi' i Pilato ty hoe: I pinatekoy ro
pinateko.
[23] Ie pinè' o lahin-defoñeo t'IESOÀ, le rinambe' iereo ty saro'e naho tinori-anja' iareo
efatse, sindre nahazo ama'e o lahin-defoñeo, fe i sarimbo'ey, ie tsy aman-tindrin-
jaitse i sarimboy fa tinenoñe raike hirik' ambone, [24] le nilahare' iereo ty hoe: Antao
tsy handrovitse aze, fa hanoeñe tsato-piso haharendreke ty ho tompo'e; hañenefañe
i pinatetse amy Sokitse Masiñeiy, ty hoe:
Nifanjarà' iereo ty sìkiko,
le nanoe'iereo tsato-piso ty saroko.§
Izay ty nanoe' o lahin-defoñeo.
[25] Nijohañe marine' i hatae ajale' IESOÀy eo ty rene'e naho ty rahavaven-drene'e
naho i Marie vali' i Klopa vaho i Miriame nte-Magdalà. [26] Ie nioni' IESOÀ te marine

* **19:13** Gabatà: traintraiñe, tsahatse ondaty 100. † **19:14** Eo ka ty boke peli'e manao "fah'eneñe"; Fe: Mar 15:25, 33-34 ‡ **19:16** Pineke, ndra naradorado, amy hatae ajaley § **19:24** Sab 22:18

eo ty rene'e naho i mpiama'e kokoa'ey, le hoe re aman-drene'e: O Rakemba, Ingo
o ana-dahi'oo! 27 Le hoe re tamy mpiama'ey: Ingo ty rene'o. Mifototse amy oray le
nampimoneñe' i mpiama'ey ama'e ao re.
28 Añe zay, ie niarofoana' IESOÀ te niheneke henane zay, le hoe re hañenefa'e
o Sokitse Masiñeo: Maran-drano raho. 29 Nidoke ey ty vatavo pea divay maseñe, le
nilifore' iereo amy divaiy ty voren-driake, naho natrofak' ami'ty seva vaho natohotse
am-palie'e. 30 Ie nandrambe i divay maseñey t'IESOÀ le hoe re: Fonitse zay! le
nadrodrè'e i añambone'ey, vaho nafoe'e ty arofo'e.
31 Amy t'ie andro Fañalankañañe, le tsy azo adoñe ambone' ty hatae ajale eo o loloo
fa andro SABATA, toe andro jabajaba i SABATA zay*, le nihalaly amy Pilato o Tehodao
te havitsoke ty kitso' iareo soa t'ie ho takoneñe. 32 Aa le nimb'eo o lahin-defoñeo
le navitsoke ty kitso' i valoha'ey naho i nindre niradorado ama'ey; 33 ie niavy amy
IESOÀ eo, tendreke te vilasy vaho tsy navitsoke o fandia'eo; 34 te mone tinombo' ty
lahin-defoñe an-defoñe ty leme'e vaho nipororoake boak' ao ty lio miharo rano.
35 Mitalily ty nahatrea, naho to i talili'ey naho fohi'e te mahity i enta'ey, hatokisa'
areo. 36 Ie nanoeñe hañenefañe i Sokitse Masiñe manao ty hoe:
Leo raike amo taola'eo tsy havitsoke.†
37 Le hoe ka i Sokitse Masiñey:
Ho isa' iereo i trinofa'iereoy.‡

*Nalenteke Mat 27.57-60; Mar 15.42-46; Lke 23.50-54*
38 Ie añe, le nihalaly amy Pilato t'Iosefe nte-Arimatea, mpiamy IESOÀ (fe añ'etake,
ie nihembañe amo Tehodao), ty hitakona'e ty fañòva' IESOÀ. Ninò' i Pilato zay. Aa le
nomb'eo re nandrambe ty fañòva' IESOÀ. 39 Nimb'eo ka t'i Nikodemosy, i nitilike IESOÀ
tam-baloha'e amy haleñeiy, ninday miora miharo vahoñe zato litatse. 40 Nitakone'
iereo ty fañòva' IESOÀ le nifolonkoñeñe lamba-leny mitraok' amo raha mañitseo, an-
tsata-pandenteha' o Jiosio.
41 Marine' i nipehañe azey ty goloboñe, le amy goloboñey ty kibory vao mbe lia'e
tsy nandrohotan-dolo. 42 Aa, kanao Fañalankaña' o Jiosio zay, naho te marìne eo i
lonakey, le nirohote' iereo ao t'IESOÀ.

*Lonake Haran-kòake Mat 28.1-8; Mar 16.1-8; Lke 24.1-12*

# 20

1 Ie loak' andro' ty Sabotse le nañaleñaleñe mb'an-donake mb'eo t'i Miriame nte-
Magdalà, ie mbe nimaieñe, vaho naheo'e te nasitak' amy lonakey i vatoy. 2 Le
nihitrihitry mb'amy Petera naho i mpiama'e nikokoa' IESOÀy mb'eo, nanao ty hoe: Fa
tinava' iereo boak' an-donak' ao t'i Talè, le tsy fohi'ay ty nandrohotañ' aze. 3 Niavotse
amy zao t'i Petera naho i mpiama'ey nimb' an-donake mb'eo. 4 Sindre nilay, fe
nilosore' i mpiama'ey t'i Petera vaho niavy an-donake eo aolo. 5 Ie nibotreke, niisa'e
o lamba-lenio nidoñe eo, f'ie tsy nizilik' ao. 6 Pok'eo amy zao t'i Petera nanonjohy
aze, le nimoak' an-donak' ao vaho nahaisake te nidoke eo o lamba lenio, 7 fe tsy
nirekets' amo lamba lenio ty lamba nakolopok' i añambone'ey, f'ie niholoñe tokañe
eo. 8 Nizilik' ao amy zao i mpiama'e niavy aolo an-donakey, le nahatrea vaho
niantoke. 9 Mbe tsy nirendre' iereo hey i Sokitse Masiñe manao t'ie tsi-mahay tsy
mitroatse amy havilasiy. 10 Le nimpoly mb'an-kiboho' iareo añe i mpiama'e rey.

*Nisodeha'e amy Miriame nte-Magdalà*
11 Nijohañe alafe' i lonakey avao t'i Marie, nirovetse; ie mbe niharovetse,
nibokoke naho nitilihitse an-donak' ao 12 vaho nahaoniñe ty anjely roe nisaroñe

---
* **19:31** SABATA-Bey i Sabadidake Mofo po-Dalivy, Sor 23:5 † **19:36** Avo 12:46; Sab 34:20 ‡ **19:37** ZEK 12:10

foty niambesatse ey, ty atondohà'e eo naho ty antimpahe'e eo, amy nandrohotañe
ty fañòva' IESOÀy. [13] Le hoe iereo tama'e, O Rakembao, ino ty iroveta'o. Hoe re
am'iereo: Nasinta' iereo i Talèkoy, le tsy fantako ty nandrohotañ' aze. [14] Ie nanoe'e
zay le nitolike vaho nahaisake IESOÀ nijohañe eo, fe tsy napota'e t'ie IESOÀ. [15] Hoe
t'IESOÀ tama'e: O Rakembao, inoñe ty angolоloiha'o? Ia ty paia'o? Ie natao'e te
mpañalahala goloboñe, le nanoa'e ty hoe: O androanavio, naho ninday aze boak'
etoan-drehe, taroño amako ty nandrohota'o aze, hitakonako añe. [16] Hoe t'IESOÀ
tama'e: O Marie. Natrefa'e le nanoa'e ty hoe: O Rabony, ze midika ty hoe: Talèko.
[17] Hoe t'IESOÀ tama'e: Ko mitsapa ahy, fa mboe tsy nionjoñe mb' aman-dRaeko, akia
mb' aman-drolongoko mb'eo vaho atalilio te: Mionjom-baman-dRaeko naho Rae'
areo, mb' aman' Añahareko naho Andrianañahare' areo mb'eo.
[18] Nienga t'i Miriame nte-Magdalà nitaroñe amo mpiama'eo t'ie nahaisak' i Talè
naho te nisaontsia'e irezay.

### *Mipoteak' amo Mpiama'eo Mar 16.14; Lke 24.36-43*

[19] Ie hariva amy àndroy, ty loak' andro' i Sabotse naho nagabeñe o lalan' anjomba'
niharoa' o mpiama'eoo ie nihembañ' amo Tehodaoy, le nisodehañe eo t'IESOÀ,
nijohañe añivo' iareo ao nanao ty hoe:
Fañanintsiñe ama'areo. [20] Ie nanoe'e zay, le nitoroa'e o fità'eo naho i leme'ey. Le
nifale o mpiama'eo te nahaisake i Talè.
[21] Nindrae' IESOÀ am'iereo ty hoe: Fañanintsiñe ama'areo. Hambañe ami'ty
nañitrifan-dRaeko ahy ty añirahako anahareo. [22] Ie nitsara zay le tinio'e iereo, nanao
ty hoe: Rambeso i Arofo Masiñey; [23] Aa ndra hakeo' iaia ty apo' areo ro hafahañe
ama'e; f'ie ho tanañe naho tana' areo.
[24] Tsy nitraok' am'iereo t'i Tomasy, atao Didimo, mpiamy folo ro'amby rey, amy
nivotraha' IESOÀy. [25] Aa le nitalily ty hoe ama'e o mpiama'e ila'eo: Fa niisa'ay t'i
Talè. Fe hoe re: Lehe tsy treako am-pità'e eo o olam-pantsikeo, naho tsy aziliko amo
olatseo ty rambo-tañako vaho atsorofoko an-deme'e ao ty tañako, zaho tsy hiantoke.

### *Ie teo t'i Tomasy 1Kor 15.5*

[26] Ie nimodo ty valo andro, le tao indraike o mpiama'eo rekets' i Tomasy. Le
nivotrak' eo t'IESOÀ, ie nirindriñe o lalañeo, nijohañe añivo' iereo eo, nanao ty hoe:
Fañanintsiñe ama'areo. [27] Le hoe re tamy Tomasy: Atakaro mb' etoañe ty rambo-
pità'o, heheke o tañakoo; le amparo mb'etoañe o fità'oo naho ampiziliho an-demeko
etoa, vaho ko mañaly tro fa matokisa. [28] Hoe ty natoi' i Tomasy aze: Ry Talèko naho
Andrianañahareko! [29] Hoe t'IESOÀ tama'e: Ihe nahaisak' ahy ro natokisa'o; haha ze
miato fa tsy nahaoniñe.
[30] Mbe maro ty viloñe nanoe' IESOÀ añatrefa' o mpiama'eo ze tsy sinokitse ami'ty
boke toy. [31] Sinoratse ka o retoañe hatokisa' areo te IESOÀ Norizañey ro Anan'
Añahare vaho i tahina'ey ro anaña'areo mpiato haveloñe.

## 21

### *Niboak' ami'ty Mpiama'e Fito*

[1] Añe irezay, le niboak' amo mpiama'eo indraike t'IESOÀ an-driake Tiberiasy eo;
le zao ty niboaha'e: [2] Nifandrimboñe t'i Simona Petera naho i Tomasy atao Didimo,
naho i Natanaela nte-Kana' i Galilia miharo amy ana' i Zebedio rey vaho ty mpiama'e
roe ila'e. [3] Le hoe t'i Simona Petera tam' iereo: Hikara fian-draho. Hoe iereo tama'e:
Hindre ama'o zahay. Aa le nionjom-beo iereo vaho nijon-dakañe, fe tsy nahazo leo
raik' amy haleñey. [4] Aa ie nanjirike i àndroy, nijohañe añ'olotse ey t'IESOÀ, fe tsy
napota' o mpiama'eo t'ie IESOÀ. [5] Le hoe t'IESOÀ tam' iereo: O Anake, nahazo fiañe
v'inahareo? Hoe ty natoi' iareo aze: Aiy. [6] Le nanoa'e ty hoe: Ahifiho an-kavana'

o lakañeo i haratoy handrendreke. Aa le nahifi' iereo, fe tsy nahatarike i haratoy
ami'ty fifamorohota' o fiañeo. 7 Aa le hoe i mpiama'e nikokoa' IESOÀy amy Petera: I
Talè 'nio. Ie jinanji' i Simona Petera t'ie i Talè, le nidiaña'e ty saro'e, (amy t'ie nihalo),
le nijorobo an-driak' ao. 8 Nanonjohy amy lakañey o mpiama'e ila'eo; tsy nilavitse i
olon-driakey fa niha-roanjato kiho avao, le nikororohe' iereo i harato vokatse fiañey.
9 Ie nitoly an' tamboho ey iereo, ro nahaoniñe foroha mirekake naho fiañe misale
ama'e vaho mofo. 10 Hoe t'IESOÀ tama'e: Andeso amo fiañe niazo' areoo. 11 Niongake
t'i Petera le nikororohe'e mb'an-tamboho mb'eo i harato vokatse fiañe jabajabay, toe
zato tsy limampolo telo amby; fe tsy nianto i haratoy ndra te nimaro.
12 Hoe t'IESOÀ tam' iereo: Antao hikama. Aa ndra iaia amo mpiama'eo tsy nahavany
nañontane aze ty hoe: Ia v'iheo? fa nirendreke t'ie i Talè. 13 Nisitse mb'eo
t'IESOÀ nandrambe i mofoy naho nazotso'e, vaho o fiañeo. 14 Zay ty nisodehà' IESOÀ
fañintelo'e amo mpiama'eo hirik' amy nitroara'e an-kavilasiy.

*Navere' IESOÀ t'i Petera*

15 Ie fa nitendre iereo, le hoe t'IESOÀ amy Simona Petera: O Simona, ana' i Jonà,
tea'o mandikoatse o retoañe v' irahoo? Hoe re tama'e: Eka, Talè, arofoana'o te
ikokoako. Hoe re tama'e: Fahano o vik' añondrikoo. 16 Nindrai' IESOÀ ama'e
fañindroe'e: Simona, ana' i Jonà, tea ahy v'iheo? Hoe re tama'e: Eñ'anio, Talè,
arofoana'o te ikokoako. Hoe t'IESOÀ: Andrazo o vik' añondrikoo. 17 Mbe nanoe'e
fañintelo: O Simona, ana' i Jonà, kokoa'o v'Irahoo? Nangoae t'i Simona amy
nanoa'e fañintelo'ey ty hoe: Kokoa'o hao raho? le hoe re tama'e: O Rañandria,
kila arofoana'o; fohi'o t'ie kokoako. Hoe t'IESOÀ tama'e: Fahano o añondrikoo.
18 Itaroñako an-katò t'ie nidiañe te ni-ajalahy, naho nandenà'o ze ni-tea'o, f'ie bey
le hahiti'o o fità'oo hampidiaña' ty ila'e hinday azo mb'ami'ty tsy tea'o hombañe.
19 I hoe zay ty nisaontsie'e ho fitaliliañe aze ty karazan-kavilasy handrengea'e an'
Andrianañahare. Ie sinaontsi'e, le hoe re tama'e: Oriho raho.
20 Ie nitolike t'i Petera le niisa'e i mpiòke nikokoa' IESOÀy nanonjohy ee—i nitoñoñe
añ'arañа' IESOÀ amy sabadidakey, nañontane aze ty hoe: O Talè, ia ty hifotetse
ama'o? 21 Ie nioni' i Petera, le hoe re amy IESOÀ: O Talè, akore ondaty roañe? 22 Hoe
t'IESOÀ tama'e: Naho satriko t'ie handiñe ty fibaliko, akore ama'o zay? Oriho raho.
23 Aa le niboele amo longoo ty tsara te tsy hivetrake i mpiama'ey; fe tsy nanao ty
hoe t'IESOÀ t'ie tsy ho vilasy, fa, Naho lahako t'ie handiñe ty fihereñako, akore ama'o
vi'zay?

*Ty Figadoña' ty Talili' i Jaona*

24 Itoy ty mpiama'e mitalily irezay, naho nanokitse iretoañe. Fohi'ay te mahity i
talili'ey. 25 Mbe maro ka ty raha nanoe' Iesoà, t'ie ro hene sinokitse, ataoko te, ndra
ty voatse toy tsy nahatsake o boke ho nisokireñeo. Amena.

# Tolom-Piràhe’e

*Taroñe*

1 I lañonañe valoha’e nanoekoy, ry Teofily, ami’ty nifotora’ Iesoà nanao, naho
nañòke 2 pak’ amy andro nampionjonañe azey, ie fa nanoro o Firàheñe jinobo’e
añamy Arofo Masiñeio. 3 Aa naho niheneke i halovilovia’ey le niboak’ am’ iereo
naho niventè’e an-tsata maro, hampatokisañe iareo t’ie veloñe, vaho niisa’ iareo
efa-polo andro, le nitaroña’e i Fifehean’ Añaharey.
4 Aa ie nifañaoñe le nafanto’e te tsy hiakats’ Ierosaleme fa handiñe i nampitaman-
dRaey[*]: i Jinanji’ areo amakoy. 5 Nampilipotse an-drano t’i Jaona, fe halipotse amy
Arofo Masiñey nahareo te heron-kerone.
6 Aa ie nifanontoñe le nañontanea’ iareo ty hoe: O Rañandria, Hampolie’o am’
Israele henaneo hao i fifeheañey[†]? 7 Hoe re tam’ iereo: Tsy anahareo ty hahafohiñe ty
andro ndra o sa nalaha n-dRae amy fandilia’eio, 8 fe handrambe haozarañe nahareo
te ivotraha’ i Arofo Masiñey; ho mpitalily ahy e Ierosaleme naho e Iehodà iaby naho
e Samaria ao vaho pak’ antsietoitane añe.

*Ty Fionjona’ i Norizañey Mar 16.19; Lke 24.50, 51*

9 Ie nitsarae’e le nonjoneñe vaho rinambe’ ty rahoñe tsy ho am-pahaisaha’ iareo.
10 Ie mbe nitalake mb’andikerañe eñe mb’amy nionjona’ey, hehe te nijohañe añila’
iereo t’indaty roe nisarom-poty 11 nanao ty hoe, Ry nte-Galilia, akore t’ie miandrandra
mb’ andindìñe ey? Iesoà nirambeseñe boak’ ama’ areo mb’andindimb’eoy ro
hibalike manahake i nahaisaha’ areo aze nionjoñe mb’andikerañe eñey[‡].

*Ty Fivesarañe i Arofoy*

12 Aa le nibalike mb’e Ierosaleme mb’eo iereo, boak’ami’ty vohitse atao Oliva,
mañeva fañaveloan-tSabotse boake Ierosaleme. 13 Ie nigodañe ao iereo le
niañambone mb’ añ’ efetse ambone ami’ty nitobea’ i Petera naho Iakobe naho i
Jaona naho i Andrea, i Filipo naho i Tomasy, i Bartolomeo naho i Matio, Iakobe ana’
i Alfeo naho i Simona Zelota, vaho i Jodasy ana’ Iakobe. 14 Ie nitraok’ ìna naho
nitolom-pitalaho naho halaly miharo amo Rakembao naho i Marie rene’ Iesoà vaho
o roahalahi’eo.

*Ty Fañorizañe i Matia Mat 27.7-8*

15 Niongak’ añivo’ o rolongoo amy andro rezay t’i Petera (va’e zato tsy roapolo ty
aman-tahinañe nifanontoñe ao) le nanao ty hoe: 16 Ry longo, tsi-mete tsy niheneke i
Sokitse Masiñe nitokie’ i Arofo Masiñey am-palie’ i Davide i Jodasy niaolo o nitsepake
Iesoày. 17 Ie nivolilieñe aman-tika naho nandrambe anjara amo fitoroñañe zao.
18 (Nahazoan-teteke indatiy amy tamben-tahi’ey, ie nitsirikoake naho niponake, vaho
hene niforotrake o tsinai’eo.) 19 Nanitsike o mpimoneñe e Ierosaleme ao iabio zay
vaho tinoka’ iereo ty hoe Akeldama i tonday ami’ty saontsi’ iareo, midika ty hoe:
Tondan-dio. 20 Toe nipatereñe amy boken-Tsaboy, ty hoe:
Adono hangoakoake ty traño’e,
tsy hiambesara’ ondaty ka,[§]
vaho:
ho rambese’ ty ila’e i fehe’ey.[*]

---

[*] **1:4** Lke 24:49, Jao 14:16,26 [†] **1:6** Lke 1:33 [‡] **1:11** Zek 14:4 [§] **1:20** Sab 69:25 [*] **1:20** Sab 109:8

21 Aa naho ondaty nirekets’ amantika amy ze hene andro niziliha’ i IESOÀ
TALÈ naho niakara’e amantika, 22 mifototse amy nampilipora’ i Jaonay pak’amy
andro nandrambesañe aze aman-tikañeio; le raik’ amy rezay ty ho mpiaman-
tika valolombelo’ i fitroara’ey. 23 Aa le nonjoñeñe roe: Iosefe atao Barsabasy
(i Josto ty añaram-binta’e), naho i Matia; 24 vaho hoe iereo te nihalaly: Ry
IEHOVÀ, mpaharofoanañe ze kila arofo, atorò anay ty jinobo’o amo roe retoañe,
25 handrambesa’e anjara ami’ty fitoroñañe toy naho ty maha-Firàheñe, ie niola t’i
Jodasy nivike mb’amy nevae’e ao. 26 Aa le nanoa’ iareo tsato-piso naho nitsatoke amy
Matia, ie ty nitovo’ i Firàheñe folo-raik’ amby rey.

# 2

*Tsitsike i Arofo Masiñey*

1 Ie tondroke i andro Halimampoloy, songa nitraok’ an-toetse raik’ ao, 2 le nivovoa’
ty feo boak’ an-dikerañe ao manahake ty fikofaon-tio-bey nañatseke ty anjomba
niambesara’ iereo. 3 Le nisodehañe añ’atrefa’ iereo ty raha hoe lel-afo nitsiriaria,
vaho sindre nivotraha’e. 4 Songa nilifore’ i Arofo Masiñey vaho namototse nisaontsy
an-tsaontsy an-kafaankafa, amy nampisaontsie’ i Arofoy.

5 Ie henane zay, nañialo e Ierosaleme ao ty Jiosy, ondaty vañoñe boak’amy ze pato-
razañe ambanen-dikerañeo. 6 Ie nahajanjiñe i feo zay le nifanontoñe ho valobohoke,
nidaba amy te songa nahajanjiñe ty saontsi’e. 7 Sindre nilatsa naho nivereñe vaho
nifanao ty hoe: Inao! tsy nte-Galilia v’ondaty iaby milañoñeo? 8 Aa vaho akore tika
ro songa mahajanjiñe ty saontsy nibeizeñe aze? 9 Nte Partia naho nte Media naho
nte Elama, naho o mpimoneñe e Mesopotamia naho e Iehodà naho e Kapadokia
naho e Ponto vaho Asiao; 10 o Frigia naho Pamfilia, Egipte naho am-paripari’ i Libià
mañohoke i Kirenà naho ambahiny hirike Romao: Jiosy naho o niova ho Jiosio 11 le
nte Kreta vaho Arabo, sindre mijanjiñe ami’ty saontsi’e te nitaliliañe o fitoloñan’
Añahare ra’elahio. 12 Ie fonga nilatsà naho vata’e niembetse le nifanao ty hoe: Inom-
bao ty taly izao? 13 Hoe ka ty nikobiha’ ty ila’e: Etsa-divai-vao ondatio.

*Ty Tsei’ i Petera*

14 Niharo nijohañe amy folo raik’ amby rey t’i Petera, ie nipoña-peo nanao ty
hoe: Ry nte-Iehodao! ry mpimoneñ’ e Ierosaleme iabio, mahafohìna vaho tomiro
o entakoo: 15 Tsy jike ondaty retoañe amy fitsakorea’ areo azey, ie vaho amy ora
fahatelo’ i àndroiy. 16 Fa hoe ty nampisaontsieñe i Joela mpitoky:

17 Ho tondrok’ amo andro hengaha’eo, hoe t’i Andrianañahare,
te ho kofòhako boak’ an-troko ao
ze atao nofotse,
le hitoky o anadahi’ areoo
naho o anak’ampela’ areoo,
naho hioniñe aroñaroñe o ajalahi’ areoo,
vaho hañinofy nofy o adroanavi’ areoo.
18 Hadoako amo mpitoroko lahilahy
naho ampelao ty Troko amy andro rezay, le hitoky iereo.
19 Ho toroako halatsàñe andindìñe eñe
naho viloñe an-tane ambane atoy:
Lio naho afo vaho evon-katoeñe.
20 Hafotetse ho fimoromoroñañe
i àndroy naho ho lio i volañey
aolo’ ty itondroha’ i andro ra’elahy
bei-volonahe’ i TALÈy.
21 Ie amy zay hene ho rombaheñe

ze mikanjy ty tahina’ IEHOVÀ.*
22 Ry nte Israeleo, janjiño o tsara zao: IESOÀ nte Nazareta, indaty niventèn’
Añahare ama’ areo amo raha tsi-tantane naho halatsàñe vaho viloñe nanoen’
Añahare añama’e añivo’ areooy, ze toe fohi’ areo; 23 ie nasese amy fisafirin’ Añahare
mahatafetetsey naho amy faharofoanan’ Añahare miaoloy le rinambe’ areo naho
pinèke an-tañan-tsi-aman-Kake vaho vinono; 24 f’ie natroan’ Añahare naho fa
navotso’e amo halovilovia’ i Havilasiio, amy t’ie tsy nilefe’e tambozoreñe. 25 Le hoe
t’i Davide ty ama’e:
Nitreako te añatrefako nainai’e t’IEHOVÀ,
an-tañan-kavanako eo
le tsy hasiotse raho.
26 Aa le nirebeke ty troko naho nifale ty lelako;
vaho hitofa am-pitamàñe o nofokoo,
27 amy te tsy hado’o
an-tsikeokeok’ ao ty fiaiko,
vaho tsy hapo’o ho momoke i Masi’oy.
28 Fa nampandrendrehe’o ahy o lalan-kaveloñeo;
ho lifore’o haehake raho
am-piatrefa’o eo.†
29 Ry longo, hitaroñe i Davide raentika raho, t’ie nivilasy vaho nalenteke, naho
amantika atoy pake henàne i kibori’ey. 30 F’ie nimpitòky, nahafohiñe te nifanta an-
titike añama’e t’i Andriananañahare, hampitroatse boak’ amo tarira’eo ty hiambesatse
amy fiambesa’ey.‡ 31 Aa kanao nioni’e taolo, le nitoky i fivañonan-ko velo’ i
Norizañeiy, te tsy hadòke an-tsikeokeok’ ao ty arofo’e vaho tsy hihomake i fañova’ey.
32 Toe natroan’ Añahare IESOÀ zay, valolombeloñe zahay iaby. 33 Aa ie
nampionjonem-pitàn-kavanan’ Añahare, naho nandrambe aman-dRae i nampita-
mañey, i Arofo Masiñey, vaho naili’e o isa’ areo naho janji’ areoo. 34 Toe tsy i Davide
ty nonjoneñe mb’ andindìñe añe, fa hoe ty natao’e:
Hoe t’IEHOVÀ amy TALÈkoy:
Miambesara an-tañan-kavanako etoa.
35 Ampara’ te anoeko fitongoam- pandia’o o rafelahi’oo.§
36 Aa le mahafohìna an-katò ry anjomba’ Israele iabio te nanoen’ Añahare TALÈ
naho Noriza’e T’IESOÀ pinè’ areo.
37 Ie nahajanjiñe, le nitsipoheñe añ’arofo vaho nanao ty hoe amy Petera naho amo
Firàheñe ila’eo: O ry longo, Ino ty hanoe’ay? 38 Le hoe t’i Petera am’iereo: Misolohoa,
le songa milipora amy tahina’ IESOÀ Norizañey hañahàn-kakeo* vaho andrambesam-
palalàñe, i Arofo Masiñey. 39 Ho anahareo i nampitamàñey naho ho a o ana’ areoo
vaho ho a o an-tsietoitane añe iabio, ndra iaia kanjie’ IEHOVÀ Andriananañaharen-tika
ho ama’e.
40 Aa le tinovo’e tsara maro, nimane taroñe naho osike, ami’ty hoe: Mirombaha
ami’ty tariratse mengoke toy†.
41 Aa le nalipotse an-kafaleañe o niato amy tsara’eio, vaho nitovoñe ondaty telo
arivo amy andro zay. 42 Ie nifahatse ami’ty fañoha’ o Firàheñeo naho am-pilongoañe
naho am-pitraofam-pikama‡ vaho am-pitalahoañe.
43 Fonga nivotraham-pañeveñañe, naho maro ty halatsàñe naho viloñe nanoe’
o Firàheñeo. 44 Le niharo ao iaby o mpiatoo vaho nifampitraoke amy ze he’e,
45 nandetake fanañañe naho vara vaho nifanjara tsahatse ty hampahaeneñe ze
nipaia’ ondaty iabio. 46 Ie nitoloñe an-troke raik’ añ’ anjomban’ Añahare ao boak’

* 2:21 Ioè 3:1-5, Rom 10:13 † 2:28 Sab 16:8-11 ‡ 2:30 Sab 132:11, Sa II 7:12-13 § 2:35 Sab 110:1 * 2:38 Top 2:40, 3:19,26; Sab 32:1, Iir 31:34 † 2:40 Iir 51:6, Fil 2:15, Ben 18:4 ‡ 2:42 Famolaha-mofo: fitraofam-pikama;

andro naho nitsatsà-traño namola-mofo vaho nitrao-pikama an-kaehake naho an-tso-
po, [47] nandrenge an’ Andrianañahare naho nisohe’ ze hene ondaty; vaho nitovoña’
i TALÈ boak’ andro o nirombaheñeo.

# 3

*I Petera naho ty Mpangatake Kepeke*

[1] Nindre nionjomb’añ’anjomban’ Añahare mb’eo amy ora fitalahoañe amy siveiy
t’i Petera naho i Jaona. [2] Le teo ty lahilahy nitakoneñe, nikepeke boak’ ami’ty
nahatoly aze, ie natobòke boak’ andro an-dalam-bei’ i anjomban’ Añaharey atao
ty hoe Fanjàka eo, nihalaly falalàñe amo mizilik’ añ’ anjomban’ Añahareo. [3] Ie
nahaoniñe te hizilik’ amy anjombay t’i Petera naho i Jaona, le nihalalia’e falalàñe.
[4] Fe nitalahare’ i Petera naho i Jaona, nanao ty hoe ama’e: Mivazohoa mb’etoa. [5] Le
nihaoñe’e fa nitama raha. [6] Le hoe t’i Petera: Tsy amam-bolafoty ndra volamena
raho, fe homeiko azo ze amako: Ami’ty tahina’ IESOÀ nte Nazareta Norizañey,
Midraidraita! [7] le rinambe’e ty fitàn-kavana’e naho nongaha’e vaho nihafatratse amy
zao o fandia’e naho fange’eo. [8] Le nitsamboan-dre naho nitrahañe vaho nitsontike
le niharo fizilik’ am’ iereo mb’añ’ anjomban’ Añahare ao, mbore nijohañe mbore
nitambòtrake vaho nibango an’Andrianañahare.

[9] Naho nioni’ i lahialeñey t’ie nitrantràñe, nisabo an’ Andrianañahare, [10] naho
naharendreke i nikonenake nihalaly falalàñe an-dalam-bey Fanjàka’ i anjomban’
Añahareiy, le niveren-draha naho nilatsa amy nanoañey. [11] Nireketse amy Petera
naho i Jaona i nikepeke nampijangañeñey, le nilay mb’ am’ iereo amy kiririsa atao:
A i Solomonay mb’eo ze hene ondaty, fa lifo-kavereñañe.

[12] Ie nirendre’ i Petera, le nilañona’e ty hoe am’ondatio: Ry nte Israeleo, ino ty
ilatsà’ areo o raha zao? ino ty isambà’ areo anay hoe te zahay, ami’ty haozara’ay naho
ami’ty havañona’ay, ro nampanjotike t’indaty toy? [13] I Andrianañahare’ i Abraàme
naho Isaka vaho Iakobe, i Andrianañaharen-droaentikañey*, ro mandrenge IESOÀ
mpitoro’e nasese naho nifarie’ areo añatrefa’ i Pilato, ie fa nisafiry ty hamotsotse
aze. [14] Tineti’ areo i Masiñe naho Vañoñey naho nihalaly te hahàñe ama’ areo
ty mpamono, [15] vaho vinono’ areo i Rañandrian-kaveloñey, f’ie natroan’ Añahare
an-kavilasy; valolombeloñe zahay. [16] Ty fatokisa’e amy tahina’ey ty nampaozare’
i tahina’ey ondaty isa’ areo naho fohi’ areoo; eka, ty fatokisañe ama’e ty naha-
arimoen-kajanganañ’ aze añatrefa’ areo iaby.

[17] Ie amy zao, ry longo, fantako te namoea’ areo i nanoe’ areoy—hambañe amy
nanoe’ o bei’ areoo. [18] F’ie ty nañenefan’ Añahare o nitaroñe’e am-palie’ ze fonga
mpitoky haehaeo, te tsi-mahay tsy hijale i Noriza’ey. [19] Misolohoa arè, mipolia, soa te
ho faoheñe o tahi’ areoo, naho hitotsake boak’ am-piatrefa’ IEHOVÀ ty san-kanintsiñe,
[20] vaho hirahe’e t’IESOÀ, i Norizañe tinendre ho anahareoy, [21] ze tsi-mete tsy ho tanañe
an-dikerañe ao hey ampara’ ty sam-pañavaoañe ze he’e tsinaran’ Añahare am-palie’
ze hene mpitoky masiñe boak’ am-pifotora’ ty voatse toy. [22] Fa hoe t’i Mosè:
Mpitoky hambañ’amako ty hatroa’ IEHOVÀ Andrianañahare boak’ amo longo’areoo;
janjiño ze hene ho saontsie’e ama’areo.
[23] Le hifetsake te haitoañe am’ ondati’eo ze tsy mañaoñe i Mpitokiy.†

[24] Eka, songa nitoky o andro zao ze mpitoky nisaontsy mifototse amy Samoela
vaho o nanonjohio. [25] Inahareo ro tarira’ o mpitokio naho mpiamy fañina nanoen’
Añahare aman-droaentikañey, Ie nanao ty hoe amy Abraàme:
I tiri’oy ro hitahiañe ze kila foko’ ty tane toy.‡

* **3:13** Avo 3:6,13,15 † **3:23** Its 18:15-19 ‡ **3:25** Fot 12:3, 22:18, 26:4

[26] Ie natroan' Añahare ty mpitoro'e IESOÀ le nahitri'e ama'areo hey hampan-
intsiña'e, amy nampiambohoe'e anahareo o sata tsivokatseo§.

# 4

*I Petera naho i Jaona Añatrefa'ty Fivory*

[1] Ie mbe nisaontsy am'ondatio, le nivotrak' am'iereo o mpisoroñeo naho ty beim-
pigari' i anjomban' Añaharey naho o Tsadokeo*, [2] nitsimboetse te nañoke ondatio
naho t'ie nitaroñe ty fivañonan-ko veloñe amy IESOÀ. [3] Nipao-pitañe ama'e iereo le
najoñe am-pandrohizañ' ao ampara' ty loak' andro amy te nihaleñe. [4] Fe maro amo
nahajanjiñe i tsaraio ty niantoke; va'e lime arivo ty ia'indaty rezay.

*Nitaroñe añatrefa' i Sinedrionay*

[5] Ie amy loak' àndroy, nivory e Ierosaleme ao o mpifeleke naho roandriañe naho
mpanoki-dili' iareoo [6] naho i Anasy talèm-pisoroñe naho i Kaiafa naho i Jaona naho i
Aleksandro vaho ze hene longo' i talèm-pisoroñey. [7] Aa ie fa nadoke añivo eo, le hoe
ty nañontaneañe: ami'ty lili' ia ndra ami'ty tahina' ia ty nanoe' areo o raha zao?
[8] Lifotse i Arofo Masiñey t'i Petera nanao ty hoe: O ry mpifehe naho roandria'
ondatio: [9] Naho ty hasoa nanoe'ay amy lahilahy nideme'e nijanganeñey ty
añotsohotsoa' areo anay androany, [10] le hampahafohine'ay ama'areo naho amo nte
Israele iabio te i tahina' IESOÀ nte Nazareta Norizañey, i naradorado' areo fe natroan'
Añahare amy havilasiiy, ty ijohaña' t'indaty jangañe toy añatrefa'areo etoa, [11] Ie i
vato nadò' areo mpandrafitsey,
naho fa vato-lahi'e henaneo.†
[12] Le tsy aman' iaia ila'e ty fandrombahañe, amy te tsy nitolorañe tahinañe ila'e
ambane' i likerañey ondatio, ze maharombak' antika.

*Rinara' i Sinedrionay t'i Petera*

[13] Ie nahaisake ty fahasibeha' i Petera naho i Jaona, naho nahaoniñe te ondaty
tsy nianatse naho tsy nioke, le nilatsa vaho nahatiahy t'ie mpiam' IESOÀ. [14] Aa kanao
niisake te nindre nijohañe am'iereo i lahilahy nijanganeñey, le tsy nahatìñe aze iereo,
[15] f'ie nanitak'iareo mb'alafem-pivory ao vaho nisafiry [16] ty hoe: Hataon-tika akore i
lahilahy rey? Ie midodea amo hene mpimoneñe e Ierosalemeo t'ie ro nanoañe raha
tsitantane, tsy lefe-tika liereñe. [17] Aa, tsy mone ho losotse ty fiboelea'e am'ondatio,
antao hañatahata iareo tsy hivolañe i añarañey ama' ondaty ndra iaia.
[18] Le nikanjiañe vaho nililieñe t'ie tsy hivolañe naho tsy hañoke ami'ty tahina'
IESOÀ ka. [19] Fe hoe ty natoi' i Petera naho i Jaona: Tsakoreo hera ho to am-pivazohoan'
Añahare, t'ie hañaoñe anahareo ambone' i Andriananañahare‡? [20] Amy te tsi-mahay
tsy taroñe'ay o raha niisa'ay naho jinanji'aio.
[21] Aa ie nendahañe indraike, le navotsotse, fa tsy eo ty handafàñe iareo
ty am'ondatio, ie hene nandrenge an' Andriananañahare ty amy nitafatendrekey.
[22] Nilosotse ty efa-polo taoñe i lahilahy nampiboahañe i vilom-pijangañañeiy.

*Ty Filolofa' o Mpiatoo*
*( Sabo 2.1-2)*

[23] Ie nihaha le nimb'amo mpiama' iareoo mb'eo nitalily i nisaontsia' o mpisorom-
beioy naho o roandriañeo. [24] Ie nahajanjiñe, le nipoña-peo aman' Añahare nanao
kapindre ty hoe: Ry IEHOVÀ, Ihe ro Andrianamboatse i likerañey naho ty tane toy
naho i riakey vaho ze he'e am'iereo ao§, [25] le nanoe'o am-palie' i Davide mpitoro'oy,
ty hoe:

---

§ **3:26** Oni Top 2:38 * **4:1** Tsadoke: mpisoroñe tamy Selomò, (1Mpj 1:38) † **4:11** Sab 118:22 ‡ **4:19** Ies 29:13, 2 Mp 1719, Mat 15;9 § **4:24** Sab 146:6, Oni Avo 20:11

Ino ty mampidabadoa o kilakila 'ndatio
naho ty ikaboha'ondatio raha kafoake?
26 Miongake o mpanjaka' ty tane toio,
vaho mifanontoñe o mpifelekeo hiatreke IEHOVÀ naho i Noriza'ey.'*
27 Toe ami'ty rova toy ty nifanontona' i Heroda naho i Pontio Pilato naho o kilakila
ondatio mindre amo nte Israeleo, hañatreatre i Mpitoro'o masiñey, IESOÀ Noriza'oy.
28 Nanoe' iereo iaby ze sinafirim-pità'o naho nisatrien' arofo'o taolo hanoeñe. 29 Aa ie
henane zao, ry IEHOVÀ, vazohò o hatahata' iareoo, le toloro fahasibehañe o mpitoro'oo
hahafitaroña' iareo o tsara'oo, 30 ie añitia'o fitàñe hampijangañe; vaho anoeñe an-
tahina' IESOÀ mpitoro'o masiñey ty viloñe naho raha tsi-tantane. 31 Ie niloloke iereo,
le niezeñezeñe i toetse nivoria' iereoy; le fonga nilifotse i Arofo Masiñey vaho
nahasibeke nisaontsy ty tsaran' Añahare.

*Nifampandiva o Mpivory Masiñeo*

32 Songa nitraok' arofo naho havelo i valobohòm-piantokey, le tsy eo ty nanao
te aze o vara'eo fa kila nitraofañe. 33 Tan-kafatraram-bey ty nitalilia' o Firàheñeo
i fivañonam-belo' IESOÀ TALÈy, vaho am' iereo iaby ty hasoa mitoabotse. 34 Tsy
amam-pisotry iereo, fa ze aman-tane ndra anjomba ro nandeta naho ninday ty
vili' i naletakey, 35 le nibanabana'e am-pandia' o Firàheñeo vaho hene nitsahareñe
am'ondatio songa ty amy paiañey.
36 Teo t'i Josefe, nte-Levy† boake Kiprosy, i natao' o Firàheñeo Barnabasiy, (ze
midika: Anam-pañohòañe). 37 Nanan-tane re, le naleta'e naho nendese'e i volay
vaho nazotso'e am-pandia' o Firàheñeo.

# 5

*I Ananiasy naho i Safirae*

1 Fe teo t'indaty atao Ananiasy; ie naho i Safirae vali'e ro nandeta-hanañañe, 2 le
nañaja'e i vili'ey ampahafohina' i rakemba'ey naho nañendesa'e vaho napo'e am-
pandia' o Firàheñeo. 3 Aa le hoe t'i Petera: O Ananiasy, akore te nilifore' i mpañìnjey
ty tro'o handañitse amy Arofo Masiñey, ie nañajà'o i vilin-taney? 4 Tsy tama'o avao
hao t'ie mbe tsy naletake? le ie naletake, tsy ihe ty nanandily ama'e? Akore te
nikililie'o an-trok' ao o raha zao? Tsy ondatio ty nandañira'o fa i Andrianañahare.
5 Ie jinanji' i Ananiasy i tsaray le nikorovoke eo, nihomake; vaho nivotraha' ty
fangebahañe ze hene nahajanjiñe. 6 Niongak' amy zao o ajalahio, namolonkoñe naho
nitakoñe aze mb'eo vaho nalenteke. 7 Ie miha-telo ora* añe, le nizilik' ao ka ty vali'e,
fa namoea'e ty nizò. 8 Aa hoe ty ontane' i Petera tama'e: Naleta' areo amy vili'e zao
v'i taney? le hoe re: Eka, ie. 9 Le hoe t'i Petera tama'e: Akore ty nikinia' areo hitsoke
ty Arofo' IEHOVÀ? Hehe te an-dalañe eo ty fandia' o nandeveñe i vali'oio, hitakoñ' azo
ka. 10 Le nidoñe am-pandia'e eo re namoe'ay. Naho nizilik' ao i ajalahy rey, zoe' iereo
t'ie nivetrake, le nitakone' iareo vaho naleveñe añ'ila' i vali'ey. 11 Nangebahebake
iaby i fivoriy naho ze hene nahajanjiñe.

*Ty Raha tsi-tantane nanoe' o Firàheñeo*

12 Maro ty viloñe naho raha tsi-tantane nanoeñe am-pità' o Firàheñeo añivo'
ondatio. Ie fonga nitrao-drehak' an-kiririsa' i Solomona ao. 13 Tsy nahavany hirekets'
am' iereo ka o ila'eo, f'ie nonjone' ondatio. 14 Antsake te nitovoñe amy TALÈ o
mpiatoo; toe lahialeñe: lahilahy naho rakemba. 15 Aa le nasese añ' olon-dalañe
eo o matindrio, fonga nampandreañ' an-tihy naho am-pandreañe, hera halofa' ty

* 4:26 Sab 2:1,2 † 4:36 Nte-Levy: Fifokoa mpitorom-pisoroñe (Its 21:5) * 5:7 Mahavovok' antake

talinjo’ i Petera t’ie niary eo. 16 Maro ka ty nifanontoñe hirik’ amo rova amparipari’
Ierosalemeo ninday ty marare naho ze nitokoen-kokolampa vaho hene nijangañe.

### *Nanoeñe Samporerake o Firàheñeo*

17 Niongak’ amy zao ty talèm-pisoroñe naho ze vavea’e amo Tsadokeo, lifo-
pamarahiañe, 18 le nipao-pitañe amo Firàheñeo vaho najorobo’ iareo am-balabei’ i
màroy ao; 19 fe sinoka’ ty anjelin’ Añahare amy haleñey o lalam-beim-porozòo naho
nakare’e vaho hoe ty asa’e: 20 Akia, mijohaña an-kiririsan’ anjomban’ Añahare ey
vaho taroño am’ondatio ze hene enta’ ty haveloñe toy.
21 Ie nahajanjiñe le nimoak’ añ’ anjomban’ Añahare ao te maraindrain-tsikiake,
nañoke. Aa naho niavy ao ty talèm-pisoroñe naho o mpiama’eo le kinoi’ iereo i
fivoriy hifanontoñe naho ze hene roandria’ o nte-Israeleo, vaho nañitrik’ am-porozò
ao haneseañe iareo. 22 Fe naho pok’eo o mpifelekeo, tsy nahaoniñe iareo am-porozò
ao, le nibalike vaho nitalily 23 ty hoe: Toe nizoe’ay nigabeñe soa i porozòoy songa
nijaridiñe amo lalañeo o mpigaritseo; fa ie sinoka’ay le tsy nahaoniñe ondaty ao
zahay.
24 Ie jinanji’ i talèn-anjombay naho o mpisorom-beio i hoe zay, le niveren-draha
vaho nañarahara ze mete ho nizò. 25 Nimb’eo amy zao ty nitalily ty hoe: Inao,
mijohañe añ’ anjomban’ Añahare ao mañòke ondatio indaty najò’ areo an-drohy
ao rey! 26 Aa le nimb’eo i mpifehey rekets’ o mpañambeñeo nangalake iareo mora
fa nihembañe am’ ondatio, ke hametsaham-bato. 27 Ie nasese’ iareo, le navotra’ iereo
añatrefa’ i fivoriy vaho hoe ty ontane’ i talèm-pisoroñey am’ iereo: 28 Tsy linili’ay
mafe hao t’ie tsy hañoke amy añarañe zay? Te mone nitsitsihe’ areo t’Ierosaleme
amo fañòha’ areoo, vaho kililie’ areo zahay hivave ty lio’ Indatiy!

### *Mitsey amy Fivory ao o Firàheñeo*

29 Hoe ty natoi’ i Petera naho o Firàheñeo: Tsy mete tsy mañorike an’
Andrianañahare zahay fa tsy ondaty. 30 Natroan’ Añaharen-droaen-tikañey† t’Iesoà
vinono naho naradorado’areo an-katae‡. 31 Ie ro naonjon’ Añahare am-pità’e havana
ho Talè § naho Mpandrombake, hanolotse fisolohoañe naho fañahan-kakeo amy
Israele. 32 Valolombeloñe amy rezay zahay naho i Arofo Masiñe natolon’ Añahare
amo mpañorik’ azeoy*.

### *Ty Fañòha’ i Gamaliela*

33 Ie nahajanjiñe, le niondroñondroñe naho nikilily t’ie hohofan-doza. 34 Fe
niongake amy fivoriy t’i Gamaliela, Fariseo, mpañoke Hake, niasia’ ze hene ondaty,
le linili’e te hakareñe alafe ao heik’ indaty rey. 35 Le hoe re am’iereo: Ry nte-Israeleo,
mitaoa amy ze hikililiañe am’ indaty rey. 36 Ie omalemale, nitroatse t’i Teodasy le
nirengevoke h’ondaty vaho nirekets’ ama’e t’indaty miha-efa-jato. F’ie vinono le
fonga nabaibay o nañorik’ azeo vaho nihelañe añe. 37 Ie añe, niongake nandimbe
aze t’i Jodasy nte Galilia amy andro fañiahañe rezay; nampañorihe’e t’indaty, f’ie
nihomake naho niparaitake iaby ze nañorik’ aze. 38 Aa le hoe ty taroko ama’ areo
henaneo, isitaho ondatio, apoho; fa naho a ondaty i safiry naho fitoloñañey, le
hihotrake; 39 fe naho an’Andrianañahare, tsy ho mete’ areo harotsake, hera ho zoeñe
te mifanjomotse aman’ Añahare.

### *Vinotsotso o Firàheñeo*

40 Niantofa’ iareo i namerea’ey; le kinanji’ iareo o Firàheñeo naho nilafaeñe naho
nililieñe tsy hivolañe ami’ty tahina’ Iesoà ka, vaho nihahañe. 41 Nienga i fivoriy iereo,
niankahake te natao mañeva nisalareñe ho amy tahina’ey. 42 Boak’ andro iereo tañ’

† 5:30 Avo 3:15 ‡ 5:30 Its 21:22-23 § 5:31 Oni Top 3:15 * 5:32 Onit: 1Jn 3:24

anjomban’ Añahare ao naho nitsatsàk’ akiba nitolom-pañoke vaho nitaroñe te IESOÀ
i Norizañey.

## 6

### *Ty Fijoboñañe Mpisary*

1 Tamy andro rezay, ie nihamaro o mpiama’eo le nionjoñe ty fiñeoñeo’ o Grikao
amo nte-Evreo te tsy nahaeneñe o vanto’eo ty fiatrahañe boak’ andro. 2 Aa le kinanji’
i folo-ro’ amby rey i valobohòm-piama’ey*, le nanoa’e ty hoe: Tsy sazò anay te hapoke
i tsaran’ Añaharey hanjotsoa’ay am-pandambañañe. 3 Ie amy zao ry longo, paiao
ama’ areo ty lahilahy aman-kasy fito lifotse i Arofoy naho hihitse, hampifehea’ay o
raha zao. 4 Izahay ka ro hanolo-batañe hitoloñe am-pitalahoañe naho fitoroñañe i
Tsaray.
5 Ninò’ i valobohòkey i tsara zay, le jinobo’ iereo t’i Stefana, lahilahy lifo-patokisañe
naho i Arofo Masiñey, naho i Filipo, i Prokoro, i Nikanora, i Timona, i Parmena vaho
i Nikoleo nte-Antiokia niova ho Jiosy. 6 Ie nampiheoveñe añatrefa’ o Firàheñeo,
le nilolofeñe vaho nanampezam-pitàñe. 7 Aa le niraorao o tsaran’ Añahareo, naho
nivangongo ty iam-piama’e e Ierosaleme ao vaho maro amo mpisoroñeo ty nivohotse
amy fatokisañey.

### *Tsinepake t’i Stefana*

8 I Stefana, lifo-patokisañe naho haozarañe, nanao halatsàñe naho viloñe ra’elahy
añivo’ ondatio. 9 Fe nitroatse naho nifandietse amy Stefana o mpiamy natao
Fitontona’ o Lahimidadaoy (o nte-Kireniao miharo amo nte Aleksandria naho nte
Kilkia vaho nte Asiao), 10 F’ie tsy nahatohetse ty hihitse naho i Arofo nisaontsie’ey.
11 Aa le sinigi’ iareo añetake t’indaty hisara ty hoe: Tsinano’ay re nitera i Mosè
naho an’Andrianañahare. 12 Aa le navalitsikota’ iereo ondatio naho o roandriañeo
naho o mpanoki-dilio, le niambotrahañe, nikozozoteñe vaho nasese mb’am-pivory
ao. 13 Natroa’ iereo ty mpifilo hanao kitombok’ aze ami’ty hoe: Tsy apo’ t’indaty tia
ty manirìka ty anjomba miavake toy naho i Hake, 14 le jinanji’ay nanao ty hoe te ho
rotsahe’ IESOÀ nte Nazareta ty anjomba toy vaho hovae’e o lilitse nitaroñe’ i Mosè
aman-tikañeo. 15 Kiniro’ o mpivory iabio le nahaisake te nanahake ty laharan’ anjely
i lahara’ey.

## 7

### *Mitaroñe amy Sinedrionay t’i Stefana*

1 Hoe i talèm-pisoroñey: To v’zao?
2 Hoe t’i Stefana: Ry longo, naho ry aba, Inao! Ie mbe te Mesopotamia añe taolo’
te nimoneñe e Harañа t’i Abraàme raen-tikañe le niheo ama’e t’i Andrianañahare
Rengèñey, 3 le nanoa’e ty hoe:
Misitaha an-tane’o naho an-drolongo’o,
mimoaha an-tane hatoroko azo.*
4 Aa le niakats’ i tane Kaldea añe re nivotrake e Harane. Ie añe, naho fa vilasy ty
rae’e, le nampiavote’e homb’an-tane fimoneña’ areo atoy henaneo. 5 Fe tsy nimea’e
lova ama’e, ndra ty tane handiam-pandia’e†, ie mbetsiterake, le nampitama’e te
hatolots’aze naho amo tarira’e hanonjohy azeo ho fanañañe zay‡. 6 Hoe ty nitsaran’
Añahare, t’ie:
Ho renetane an-tanen’ ambahiny
o tarira’eo, naho hondevozeñe,

* **6:2** Top 1:24 Nihalaly aman’A’re teo, fe ama’Ondaty henaneo. * **7:3** Fot 12:1 † **7:5** Its 2:5 ‡ **7:5** Fot 12:7, 17;8; Oni Fot 13:15, 15:4,7,18-21, 24:7, 48:4

vaho ho volevolèñe efa-jato taoñe.
7 Fe ho zakaeko ze tane mañondevo iareo,§
hoe t’i Andrianañahare,
ie añe, le hiavotse iereo,
hitoroñe ahy ami’ty toetse toy.*
8 Le natolo’e aze ty fañinam-pisavarañe naho nisamake Isaka re le nisavare’e
ami’ty andro fahavalo, naho nisamake Iakobe t’Isaka vaho i androanavy folo ro’amby
rey t’Iakobe. 9 Ie nikirañe Iosefe i androanavy rey, le naleta’ iereo ho ondevo Egipte
añe. Fe tama’e t’i Andrianañahare† 10 nandrombak’ aze amy ze fonga haoreañe
naho tinolo’e hihitse naho fañisohañe‡ añatrefa’ i Farao mpanjaka’ i Egipte le
nanoe’e mpamandroñe hifehe i Egipte vaho o añ’ anjomba’e iabio.§ 11 Nandramban-
tane Egipte naho Kanana amy zao ty san-kasalikoañe* vaho ty hasotriam-bey le
tsy nahaoniñe mahakama o roaentikañeo. 12 Ie jinanji’ Iakobe te aman-tsako ty
Egipte, le nampihitrife’e mb’eo o roaentikañeo amy valoha’ey. 13 Ie amy faha
roey le nampahafohim-batañ’ amo rahalahi’eo t’Iosefe vaho nampandrendreheñe
i Farao o longo’ Iosefeo. 14 Aa le nampisangitrife’ Iosefe t’Iakobe rae’e naho o
longo’eo, i fitom-polo-lime amby rey. 15 Le nañavelo mb’e Egipte mb’eo t’Iakobe vaho
nihomake, ie naho o roaentikañeo†, 16 le nasese mb’e Sekema añe, ie nirohoteñe amy
lonake vinili’ i Abraàme drala amo ana’ i Hamora nte Sekemaio. 17 Aa naho fa an-
titotse ty andro nampitaman’ Añahare i nifantà’e amy Abraàmey, le nitombo naho
nangetseketseke Egipte añe ondatio. 18 Loneak’amy zao ty mpanjaka hifehe i Egipte
tsy nahafohiñe Iosefe.‡ 19 Ie ty nañaramamo ondatin-tikañeo am-pamañahiañe naho
famorekekeañe, naho nampiboake o ajajamena’ iareoo tsy hahatam-beloñe. 20 Toly
henane zay t’i Mosè, le nisoa vintañe am-pivazohoan’ Añahare, vaho nitaiàñe telo
volañe an-trañon-drae’e ao. 21 Aa ie niotañe, rinambe’ ty anak’ ampela’ i Farao
naho nibeize’e ho ana’e, 22 le naòke amy ze hene hilala’ o nte Egipteo t’i Mosè vaho
ni-fanalolahy an-tsara naho fitoloñañe.
23 Ie fa ho efa-polo taoñe t’i Mosè, le niheo añ’arofo’e ty hitilike o longo’e
ana’ Israeleo. 24 Ie nioni’e te nisamporeraheñe tsy aman-tali’e ty raike, le
nañolots’ aze, namale fate i niforekekeñey vaho nañoho-doza amy nte-Egiptey.
25 Natao’e ho rendre’o longo’eo ty fandrombahan’ Añahare am-pità’e, f’ie tsy
nahafohiñe. 26 Ie niloakandro, niheo am’iereo mb’eo re nanjo ty nifandrapak’ aly, le
nimanea’e fifampilongoañe ami’ty hoe: O lahireo, mpiroahalahy nahareoo; Akore te
mifampijoy? 27 Fe nanafasiotse aze i namofoke i rañe’eiy, nanao ty hoe:
Ia ty nañory azo ho mpifehe
naho mpizaka anay?
28 Hamono ahy v’iheo,
hambañe amy nanoa’o
i nte Egipte omaley?§
29 Ty amy entañe zay, nitriban-day t’i Mosè naho nirenetane e Midiana* añe vaho
nisamak’ anadahy roe.
30 Ie nimodo ty efa-polo taoñe, le nisodehañe ama’e an-dratraratram-bohi-
Sinaiy añe ty anjeli’ IEHOVÀ ami’ty lel’afo an-drongoñe†. 31 Ie nioni’ i Mosè
zay le hinarahara’e i nizoeñey; le nañarivoa’e hahaisake vaho nivovo ama’e ty
fiarañanaña’ IEHOVÀ nanao ty hoe:
32 Zaho o Andrianañaharen-droae’ areoo,

§ **7:7** Fot 15:13 * **7:7** Fot 15:14, Avo 3:12 † **7:9** Fot 37:11,26, 39:2, 39:21 ‡ **7:10** Fot 39:21 § **7:10** Fot 41:37-46 * **7:11** Fot 41:54, 42:5 † **7:15** Fot 46:5, 49:33, Avo 1:6 ‡ **7:18** Avo 1:8 § **7:28** Avo 2:13,14 * **7:29** Avo 2:15 † **7:30** Avo 3:2

t’i Andriananañahare’ i Abraàme,
naho Isaka vaho Iakobe.‡
Aa le ninevenevetse t’i Mosè tsy nahavany niisake. 33 Le hoe t’ IEHOVÀ tama’e:
Afaho o hana am-pandia’oo
fa masiñe o toetse ijohaña’oo.
34 Toe niisako ty falovilovia’ ondatiko
e Egipt’aoo,
naho tsinanoko ty toreo’ iareo
vaho nizotso hañaha iareo.
Antao arè, fa hahitriko
mb’e Egipte mb’eo rehe.§
35 Fe kiniho’iareo ami’ty hoe t’i Mosè:
Ia ty nañory azo
ho mpifehe naho mpizaka anay?*
Ie ty nafanton’ Añahare ampità’ i anjely niboak’ ama’e amy rongoñeiy ho mpifehe
naho mpandrombake iareo. 36 Indatiy ty nampiavotse iareo naho nanao halatsàñe
naho viloñe tsi-tantane Egipte ao naho amy Riake Menay vaho am-patrambey ao efa-
polo taoñe. 37 Ie i Mosè nitaroñe amo nte-Israeleo ty hoe:
Hampitroaren’ Añahare ho anahareo
ty mpitoky hambañe amako
boak’amo longo’ areoo.†
38 Ie ty nitraok’ amy anjeliy amy fivori-bey am-patram-bey añey, niharo amy anjely
nisaontsy ama’e am-bohi-Sinaiy vaho taman-droaentikañe; ie ty nandrambe o fetse
veloñe nitaroña’e aman-tikañeo. 39 Fe, nizeharen-droaentika naho nasiotsio’ iareo,
vaho nitolike mb’Egipte ty arofo’ iareo 40 le nanao ty hoe amy Arone:
Andranjio ndrañahare hiaolo anay,
f’i Mosè nañavotse anay añ’Egipte zay,
amoea’ay ty nizò aze!‡
41 Nitsene bania iereo henane zay naho nibanabana soroñe amy sarey, vaho
nirebek’ amy sata-pità’ iareoy.
42 Aa le niambohoan’ Añahare naho nitolora’e ty hitoroñe i fifamorohotan-
dindìñey§, ie pinatetse amy bokem-pitokiy:
O ry anjomba’ Israeleo,
nañenga biby linenta
vaho soroñe amako efa-polo taoñe
am-patram-bey añe v’inahareo?
43 Te mone nitarazoe’ areo
ty kivoho’ i Moloka,
naho ty vasia’ i Refane ndrañahare’areoy,
o samposampon-draha namboare’ areo
ho fitalahoañeo.
Aa le haseseko
mb’an-kalo’ i Bavele añe nahareo*.
44 Taman-droaen-tikañe an-dratraratra añe i kivohom-pitaroñañey, namboareñe
do’e amy nisaontsie’e amy Mosèy te hamboare’e hamban-tsata amy niisa’ey. 45 Le
nampizilihe’ o roae’ay nandrambe azeo zay mindre amy Josoa, ie tinava’ iareo amo
kilakila’ ndaty nasiotsion’ Añahare aolon-dahara’ iareoo i Taney; ie zay ampara’ i
Davide; 46 ie nanjò fañisohañe añatrefan’ Añahare, le nihalaly ty hahaoniña’e toetse

‡ 7:32 Avo 3:6 § 7:34 Avo 3:6-10 * 7:35 Avo 2:14 † 7:37 Its 18:15 ‡ 7:40 Avo 32:1,23 § 7:42 Its 4:19, 17:3, Mp II 23:5 * 7:43 Amo 5:25-27

himoneñan’ Añahare’ Iakobe. 47 Fe i Selomò ty nandranjy anjomba ho aze. 48 Toe tsy
miambesatse ami’ty nanoem-pitàñe t’i Andindimoneñe, amy tsara’ i mpitokiy:
49 Fitobohako i likerañey,
fitongoàn-tomboko ty tane toy.
anjomba manakore arè ty
ho ranjie’ areo ho ahiko?
Hoe t’Iehovà. Ke, aia ty toetse hitofàko?
50 Tsy ty tañako hao ty nanao ze he’e zao?†

51 Ry gan-katoke‡ tsy sinavatse añ’arofo ndra an-dravembia§. Zehare’ areo
nainai’e i Arofo Masiñey manahak’ an-droae’ areo avao. 52 Ia amo mpitokio ty tsy
nisamporerahen-droae’ areo? Nañohofa’ iareo loza o nitoky ty fitotsaha’ i Vañoñeio, i
nafote’ areo naho vinono’ areo anianiy; 53 iereo fa nandrambe i Hake nafè’ o anjelioy,
f’ie tsy nambenañe*.

### *Finetsa-Bato t’i Stefana*

54 Ie jinanji’iereo i hoe zay, le niromotse añ’arofo vaho nampikodrì-nife. 55 Ie ka,
lifotse i Arofo Masiñey, niandrandra nitalake i likerañey vaho nahaisake ty engen’
Añahare naho Iesoà nijohañe am-pitàn-kavanan’ Añahare ey. 56 Heheke, hoe re,
Treako te misokake o likerañeo vaho mijohañe ampitàn-kavanan’ Añahare eo i
Ana’ondatiy†.
57 F’ie nipoña-koràke, nanentsen-dravembia vaho fonga nitrao-pañoridañe aze,
58 le naronjeronje’ iareo alafe’ i rovay, naho nametsa-bato ama’e vaho napo’ o
valolombeloñeo an-tombo’ ty dogalahy atao Saole eo o sarimbo’ iareoo. 59 Ie nitolom-
pametsam-bato amy Stefana, le nikaihe’e ty hoe: Ry Iesoà Talè, rambeso ty troko. 60 Ie
tafatongaleke, le pinaza’e am-piarañanañañe ty hoe: O Talè, ko tiñea’o am’iareo ty
hakeo toy. Ie nanao zay le nirotse.

## 8

1 Ninò’ i Saole ty nañitoañe aze.

### *Nisamporeraheñe le Niparaitake*

Nifototse amy andro zay ty fisamporeraham-bey amy Fivory e Ierosalemey vaho
niparatsiake mb’eo mb’eo e Iehodà naho e Samaria añe iaby, naho tsy o Firàheñeo
avao. 2 Nandenteke i Stefana ondaty vañoñeo vaho nipoña-pandalàñe. 3 Fe
nampivalitaboak’ i Fivoriy t’i Saole, nitsatsak’ anjomba, nimoake, vaho nikozozòtse
ty lahy naho ampela mb’am-porozò ao.

### *I Filipo e Samaria añe*

4 Aa le nitaroñe i tsaray mbeo mbeo o niparaitakeo. 5 Nizotso mb’ an-drova Samaria
mb’eo t’i Filipo nitaroñe i Norizañey. 6 Songa nihaòñe’ ondatio o saontsi’ i Filipoo,
ie nijanjiñe naho nahaisake o viloñe fanjaka nanoe’eo. 7 Nihorentseñe an-tazataza
ty kokolampa tsiefa nakareñe am’ondaty nitokoe’eo, naho maro ty kombo vaho ty
kepeke nijangañe. 8 Le firebeham-bey ty tan-drova ao.

### *I Simona Ambiasa*

9 Tamy rovay henane zay t’indaty atao Simona mpanao sahàtse, nahalatsa o nte
Samariao, ie nieva ho aman’ àsiñe, 10 nihaoñe’ ze hene ondaty, ty bey naho ty kede,
le nanao ty hoe: Haozaran-dra’ elahin’ añahare ondaty zay. 11 Hene nañorik’ aze
ondatio amy te ela ty namoreha’e amo sahàtse fanoe’eo. 12 Aa ie niantofa’ iareo
t’i Filipo amy nitaroña’e i talili-soa’ i Fifehean’Añahareiy naho ty tahina’ Iesoà

† **7:50** Ies 66:1-2 ‡ **7:51** Avo 32:9, 33:3,5 § **7:51** Sor 26:41, Iir 6:10 * **7:53** Oni Mat 5:20 † **7:56** Sab 110;
1

Norizañey, le nilipotse: ondaty naho rakemba. 13 Toe niantoke ka t’i Simona le
nalipotse, vaho nañorik’ i Filipo sikal’aia sikal’aia fa nilatsa t’ie nahaisake o viloñe
fanjaka naho raha tsi-tantane nanoeñeo.
14 Ie jinanji’ o Firàheñe e Ierosalemeo te niantoke ty tsaran’ Añahare o nte
Samariao, le nañirake i Petera naho i Jaona homb’am’iereo añe. 15 Ie nizotso mb’eo
le nihalaly ho a’ iareo, handrambesa’e i Arofo Masiñey; 16 ie mbe tsy nivotraha’e; fa
ami’ty tahina’ IESOÀ TALÈ avao* ty nampiliporañe iareo. 17 Aa le nanampeza’ i Petera
naho i Jaona fitañe handrambesa’ iereo i Arofo Masiñey.
18 Aa ie nioni’ i Simona te i fampitongoam-pità’ o Firaheñeoy ro nanoloràñe i Arofo
Masiñey le nibanabana’e drala, 19 ami’ty hoe: Anoloro ahy ka o haozarañe zao soa
te, ndra iaia hanampezako tañañe ro handrambe i Arofo Masiñey. 20 Hoe ty natoi’ i
Petera aze: Hindre hikoromak’ ama’o o drala’oo kanao sinafiri’o te ho vilie’o drala ty
falalàn’ Añahare! 21 Tsy aman’ anjara, naho tsy mitraok’ ami’ty tsara toy rehe, fa tsy
vañoñe añatrefan’ Añahare ty tro’o. 22 Mibaboha amy haloloañey, naho misolohoa
amy IEHOVÀ, he mete ihahàñe amy fitsakorean-tro’oy, 23 amy te rendreko t’ie aman-
kafairan’ afero vaho androhizan-kakeo. 24 Aa le tinoi’ i Simona ty hoe: Mihalalia amy
IEHOVÀ ho ahy, ry aba te tsy hizò ahy i nisaontsia’areoy.
25 Aa ie fa nitaroñe naho nitsey ty tsara’ IEHOVÀ, le nibalike mb’e Ierosaleme mb’eo
t’i Petera naho i Jaona, nitsey i talili-soay ami’ty rova maro’ o nte-Samariao.

### *I Filipo naho i nte-Kosey*

26 Ie amy zay, nitsara ty hoe amy Filipo ty anjeli’ IEHOVÀ: Mañatimoa mb’amy
lalañe mizotso hirike Ierosaleme mb’e Gaza mb’amy ratraratray mb’eoy. 27 Aa le
niongake nañavelo mb’eo re, naho naheo’e ty nte Etiopia doga-lahy mpanandily bey
amy Kandasie mpanjaka-ampela’ o nte Etiopiao naho mpamandroñe o vara’e iabio,
ie nañavelo mb’e Ierosaleme mb’eo nitalaho, 28 naho nibalike amy zao niambesatse
an-tsarete’e ao namaky Isaia mpitoky.
29 Le hoe i Arofoy amy Filipo, Harineo o sarete ey hoeke eio naho ireketo.
30 Nihitrike mb’eo t’i Filipo naho nahajanjiñe aze namaky Isaia mpitoky, le hoe re:
Fohi’o hao o vakie’oo? 31 Aa hoe re, Aia ty haharendrehako naho tsy amam-panoro?
Aa le nampihovàe’e hijoñe ao t’i Filipo hitrao-piambesatse. 32 Ty hoe i nivakie’e amy
Sokitse Masiñeiy:
Kinozozòtse hoe añondry
ho lentaen-dre,
Le hambañe ami’ty fitsiña’ ty vik’añondry añatrefa’ o mpañitsik’ azeo,
t’ie tsy nanoka-palie.
33 Nareke naho tsy nimean-tò;
Ia ty haha-volily o tarira’eo,
amy te nasitak’an-tane atoy ty havelo’e;†
34 Aa hoe ty ontane’ i doga-lahiy amy Filipo: Ehe, ia ty isaontsia’ i mpitokiy, ty
vata’e ke ty ila’e? 35 Le nanoka-palie t’i Filipo nifototse amy pinatetse amy Sokitse
Masiñeiy, nitalily IESOÀ. 36 Ie nañavelo mb’eo, le nizo rano vaho hoe i doga-lahiy,
Intia ty rano, ino ty manebañe ahy tsy halipotse? 37 ‡ 38 Aa le linili’e te hitsangañe
i saretey naho sindre nijoñe an-drano ao iereon-droroe, i doga-lahiy naho i Filipo,
vaho nalipo’e. 39 Ie nitroatse amy ranoy le nampihelañe’ i Arofo Masiñey añe t’i
Filipo vaho tsy nioni’ i doga-lahiy ka, fe tinonjohi’e an-drebeke i lia’ey. 40 Nizoeñe
Azota añe t’i Filipo; le niranga mb’eo re nitolom-pitaroñe i talili-soay amy ze hene
rova ampara’ t’ie nandoak’ e Kaisaria añe.

* **8:16** Fil 2:10 † **8:33** Ies 53:7,8 ‡ **8:37** Le hoe t’i Filipo: Mete zay, naho atokisa’o an-kaampon’ arofo. Nanoiñe ty hoe re: Atokisako te anan’ Añahare, t’IESOÀ Norizañe.

# 9

1 Ie mbe nikofòke fitrevohañe naho fanjamanañe amo mpiamy Talèo t’i Saole
le niheo mb’amy talèm-pisoroñey mb’eo 2 nihalaly taratasy ho amo fitontonañe
e Damaskose añeo, soa te hasese an-drohy mb’e Ierosaleme mb’eo ze mpiamy
Lalañey zoe’e añe, ndra lahilahy ndra ampela. 3 Ie nifokofoko mb’eo naho niharine
i Damaskose le tojo te niarisehoa’ ty hazavàñe nireandreañe boak’ andindìñe ey.
4 Nidoiñe an-tane eo re vaho nahajanjiñe ty fiarañanañañe nanao ty hoe: Saole,
Saole, akore ty ampisoaña’o ahy? 5 Ia v’Iheo, Talè? hoe re. Hoe ty natoi’e, Zaho
o IESOÀ samporerahe’oo. 6 Aa le miongaha, iziliho o rovao le ho taroñeñ’ ama’o ty
tsi-mahay tsy hanoe’o.

7 Nijohañe eo ondaty nitrao-dia ama’eo fe tsy nahakofòke, jinanjiñe i fi-
arañanañañey f’ie tsy nahaisake ndra iaia. 8 Nitroatse amy taney t’i Saole, le ndra te
nibeake o fihaino’eo tsy nahavazoho. Aa le kinozozò’ iereo am-pitàñe vaho nimoake
e Damaskose ao. 9 Telo andro t’ie tsy nahaisake, tsy nikama, naho tsy ninoñe.

10 Te Damaskose ao ty mpiato atao Ananiasy*; nikanjia’ i TALÈ añ’ aroñaroñe,
nanao ty hoe: O Ananiasy! Intoy raho, Rañandria, hoe re. 11 Hoe t’i TALÈ tama’e:
Miongaha, akia mb’an-dalañe atao Vantañe mb’eo le añontaneo añ’anjomba’ i Jodasy
ao, ty atao Saole nte Tarsosy, mitalaho, 12 toe fa nioni’e añ’aroñaroñe t’indaty atao
Ananiasy miheo mb’ ama’e mb’eo hanampe fitàñe ama’e hampibarababeak’ aze. 13 O
TALÈ hoe ty natoi’ i Ananiasy, Fa tsinanoko amy màroy indatiy, ty fijoiañe nanoe’e
am’ondaty noro’o e Ierosalemeo. 14 Mbore aman-dily boak’ amo mpisorom-beio re
homb’ etoañe handrohy ze hene mikanjy ty tahina’o. 15 Fe hoe t’i TALÈ tama’e: Akia!
fa haraotse jinoboko ho ahy re hinday ty añarako añatrefa’ o kilakila ‘ndatio naho
amo mpanjakao vaho amo ana’ Israeleo. 16 Fe hatoroko aze ty hara’ elahim-pisotriañe
ho ama’e ty ami’ty añarako.

17 Aa le nimb’eo t’i Ananiasy, nizilik’ amy anjombay, naho nanampe fitàñe ama’e
nanao ty hoe: O Saole rahalahy; i TALÈ IESOÀ nisodeha’ ama’o an-dalañe nimba’o
mb’etoañey ty nañirak’ ahy mb’ ama’o mb’etoa hampahaisak’ azo, le ho lifore’ i
Arofo Masiñey. 18 Nihintsañe am-pihaino’e amy zao ty raha hoe sisi’e, le nahaisake
naho niongake vaho nalipotse. 19 Ie nikama le nihaozareñe,

*I Saole e Damasikosy naho Ierosaleme*

le nindre amo mpiòke e Damaskoseo andro tsiampeampe; 20 vaho aniany avao
t’ie nitaroñe i Norizañey amo fitontonañeo te Anan’ Añahare t’IESOÀ. 21 Hene
nilatsa ze nahajanjiñe aze, nanao ty hoe: Tsy itoy hao i nandrotsake ze fonga
mpikanjy i tahinañey e Ierosalemey? ie nimb’ atoa nikilily ty hanese iareo am-
bahotse mb’añ’atrefa’ o mpisorom-beio? 22 Nitombo erike ty haozara’ i Saole vaho
nahadaba o Jiosy nimoneñe e Damaskoseo ty famentea’e te IESOÀ i Norizañey.

23 Aa naho maro andro añe le nikilily hamono aze o Tehodao, 24 fe nirendre’ i Saole
i fikiniañey t’ie nitampoñe ty lalam-bei’ i rovay handro an-kaleñe hañohofan-doza
ama’e. 25 Aa le nasese’ o mpiòkeo haleñe vaho nazè’ iareo amy kijoliy an-jahetse.

26 Ie pok’e Ierosaleme ao t’i Saole le nimanea’e fireketse amo Firàheñeo, fe hene
nihembañe ama’e vaho tsy niantoke t’ie toe mpiama’e. 27 Aa le nendese’ i Barnabasy
mb’ amo Firàheñeo, le natalili’e am’ iareo t’ie nahaoniñ’ i TALÈ amy lia’ey naho
nisaontsia’e, vaho t’ie nahavany nitaroñe ami’ty tahina’ IESOÀ e Damaskose añe.
28 Aa le nindre am’iereo re nihelohelo e Ierosaleme ao, 29 nitaroñe ami’ty tahina’
i TALÈ am-pahasibehañe naho nifanaontsy naho nifandietse amo Jiosy nte-Heleneo,
vaho nimanea’ iareo havetrake. 30 Ie nirendre’ o mpirahalahio le nasese’ iareo mb’e
Kaisaria mb’eo vaho nahitri’ iereo mb’e Tarsosy añe.

* **9:10** Heb Hananiah, Oni Top 9:17, 22:12

31 Nierañerañe amy zao ty fivory era’ Iehodà naho e Galilia vaho e Samaria añe
mbore niraorao naho nañavelo am-pañeveñañe amy IEHOVÀ naho amy fañohòa’ i
Arofoy vaho niha-maro.

*I Enea naho i Dorkasie*

32 Ie niranga mb’eo mb’eo t’i Petera, le nizotso mb’amo noro’e e Lidà añeo. 33 Teo re
te naharendreke t’indaty atao Aenea, ie fa natindry valo taoñe, nisilofe’ ty hakepeke.
34 Hoe t’i Petera ama’e, O Aenea, mampijangañ’ azo t’IESOÀ Norizañe. Miongaha le
halankaño o tihi’oo. Aa le niongak’ ami’ty manao zao. 35 Toe nahaisak’ aze ze hene
mpimoneñe e Lidà naho e Sarona vaho nitolik’ amy TALÈ.
36 Te Jopa ao henane zay ty mpiato atao Tabitae (midika: Dorkasie[†]), lifotse
fitoloñan-tsoa vaho nainai’e mpitretrè o rarakeo. 37 Ie tamy andro rezay, narare
vaho nihomake; nampiandroe’ iareo naho nirohoteñe an-traño ambone ao. 38 Kanao
marine i Lidà ty Jopa le ie nifohi’ o mpiatoo te e Lidà añe t’i Petera, le nampisangitrife’
iereo mb’ama’e t’indaty roe hanohiñe aze ami’ty hoe: O Aba, ehe mb’etoy, le ko
mihenekeneke.
39 Aa le niongake t’i Petera nindre lia ama’e; ie pok’ao le nasese amy efetse
amboney. Niarikoboñe aze o vantotse iabio, nirovetse, vaho naboa’ iereo iaby ty
saroñe naho sikiñe namboare’ i Dorkasie ie mbe tam’ iereo. 40 Fonga nampiakare’
i Petera, le nanongaleke naho nihalaly, vaho nitolik’ amy fañòvay nanao ty hoe: O
Tabitae, mitroara. Nabea’e amy zao o fihaino’eo, aa ie niisa’e t’i Petera le nitroatse.
41 Nanolo-pitañe aze re le nongaha’e, naho kinanji’e o mpiato naho vantotseo vaho
natolo’e am’iereo veloñe. 42 Nañatseke i Jopa ty fahafohinañe zay vaho maro ty
niantoke i TALÈ. 43 Nitambatse e Jopa ao andro maro t’i Petera ami’ty mpandoñ’
angozy atao Simona.

# 10

*Kinoi’ i Kornelio t’i Petera*

1 Te Kaisaria añe t’indaty atao Kornelio, mpifehe zato amy firimboñañe atao nte-
Italiy. 2 Ie ondaty vañoñe naho mpañeveñe aman’ Añahare rekets’ o añ’anjomba’e
iabio, naho mpanolotse falalàñe am-patarihañe amo rarakeo vaho mpitalaho aman’
Añahare. 3 Aa ie va’e amy ora faha-sive’ i àndroiy te nioni’e malange añ’ aroñaroñe
ty anjelin’ Añahare nisodehañe ama’e nanao ty hoe: O Kornelio! 4 Ie niisa’ i Kornelio
le nianifañe vaho hoe ty natoi’e: Akore Roandriañeo? Le hoe re tama’e: Fa nionjoñe
hoe banabana faniahiañe aman’ Añahare o fitalahoa’oo naho o falalà’oo. 5 Aa le
mañitrifa ondaty mb’e Jopa añe vaho kanjio ty atao Simona, i Petera ka ty añara’e.
6 Ie mañialo amy Simona mpandon-kolitse ao; añ’olo-driake ey ty anjomba’e.
7 Ie nienga i Kornelio i anjely nisaontsy ama’ey, le kinanji’e ty roe amo mpitoro’eo
naho ty lahin-defo’e mpañorike Hake amo mpiatrak’ azeo, 8 le hene natalili’e vaho
nampihitrife’e mb’e Jopa añe.

*Ty Aroñaro’ i Petera*

9 Amy loak-androy, ie mbe an-dalañe nañarivo i rovay, le niañambone mb’an-tafo
mb’eo t’i Petera hitalaho ami’ty ora fah’ eneñe. 10 Ndra nisaliko re te hikama, fe mbe
nihalankañeñe, vaho niaroñaroñe. 11 Zoe’e te nisokafeñe i likerañey naho nizotso
ty raha jabajaba hoe lamba, nazetse mb’ an-tane atoy an-kotso’e efatse. 12 Ama’e
ao ze fonga bibi’ ty tane toy aman-tomboke efatse naho ze raha milaly, vaho voron-
dikerañe. 13 Le niheo ama’e ty fiarañanañañe nanao ty hoe: Miongaha Petera; lentao
vaho mikamà. 14 Fa hoe t’i Petera, Sondo’e amako Rañandria! Mbe liako tsy nitsopeke

[†] **9:36** Dorkasie naho Tabitae sambe midika karaza diera (biby ly zoke’ ty ose, mahalay naho mahavokoñe)

raha faly ndra maloto. 15 Inao i fiarañanañañey fañindroe'e: Ko atao faly ze fa
nilioven' Añahare. 16 Nanoeñe in-telo zay vaho rinambe andindìñe ao i rahay.
17 Ie naereñere' i Petera ty foto' i aroñaroñe nioni'ey, inay indaty nirahe' i Kornelio
rey, nañontane i anjomba' i Simonay ie fa nijohañe an-dalam-bey eo 18 nikanjy,
nañontane he imoneña' i Simona atao Petera.
19 Ie mbe nitsakore i aroñaroñey t'i Petera, le hoe i Arofoy ama'e: Inay, ipaia'
t'indaty telo; 20 miongaha, mizotsoa mb' ambane ao, le ko mihakahaka fa indrezo;
zaho ty nañitrike iareo. 21 Nizotso mb'am' indaty rey t'i Petera, le nanao ty hoe,
Zaho ty paia' areo, ino ty talin-dia' areo mb'etoa? 22 Hoe iareo: i Kornelio, mpifehe
zato, ondaty vañoñe naho mpañeveñe aman' Añahare, soa talily amy ze hene Jiosy,
nitoroa' ty anjely masiñe ty hañitrik' azo homb' añ' anjomba'e añe hijanjiña'e tsara.
23 Aa le nampihovae' i Petera vaho nanoe'e añ'anjomba.

### *Añ'Anjomba' i Kornelio t'i Petera*

Ie amy loak' àndroy, niavotse le nindre fañavelo am'iereo t'i Petera, naho nitrao-
lia ama'e ty ila' o roahalahy nte Jopao, 24 vaho nandoake e Kaisaria ao ami'ty loak'
andro. Nitamà iareo t'i Kornelio le fa natonto'e o longo'eo naho o rañe'eo. 25 Nizilike
t'i Petera le nanalaka aze t'i Kornelio naho nitongalek' am-pandia'e eo niambane
ama'e. 26 F'ie nampiongahe' i Petera ami'ty hoe: Miongaha, ondaty ka raho. 27 Ie
nifanaontsy, le nizilik' ao nitendreke ondaty maro tafavory.
28 Hoe re tama'e: Fohi' areo te talia faly amy t'indaty Jiosy* ty hitraoke ndra hitilike
ondaty hafa razañe. Fe natoron' Añahare ahy te tsy hataoko tsotra ndra maloto ze
ondaty. 29 Aa le tsy niliereko ty homb' eto te nikanjieñe, ie amy zao añontaneako
anahareo ty talim-pañitrifañ' ahiko?
30 Le hoe t'i Kornelio: Ie efats' andro zay ami'ty ora zao, zaho nilolok' an-
trañoko ao ami'ty ora faha-sive, le naheoko nijohañe añatrefako eo t'indaty an-
tsaroñe mireandreañe, 31 le hoe re: O Kornelio, jinanjiñe i filolofa'oy, vaho tiahy
añatrefan' Añahare o fatariha'oo. 32 Aa le ampañitrifo e Jopa añe t'i Simona atao
Petera, mitobok' añ' anjomba' i Simona mpandòñ' angozy, añ' olo-driak' ao. 33 Le
nampihitrifeko amy zao, vaho nahasoa anay ty fitotsaha'o atoy. Intoañe iaby zahay
añatrefan' Añahare hitsendreñe ze hene saontsy nandilia' i TALÈ azo.

### *Janji' o Ambahinio i Talili-soay*

34 Aa le nanoka-palie t'i Petera, nanao ty hoe: Toe oniñe henaneo te tsy
mirihy ondaty t'i Andrianañahare, 35 te mone no'e ze ondaty mañeveñe ama'e
naho mitoloñe an-kavantañañe, ndra fifeheañ' aia aia ty imoneña'e. 36 I tsara
niraheñe amo ana' Israeleoy mitaroñe fifampilongoañe añam' IESOÀ Norizañey
(Ie ro TALÈ ze he'e): 37 Fohi'areo ze raha nañatseke Iehodà, nifototse e Galilia,
ie fa añe ty fandiporañe nitaroñe' i Jaonay— 38 ty nañorizan' Añahare IESOÀ nte
Nazareta amy Arofo Masiñey naho an-kaozarañe, ie nimbeo mbeo nanao soa naho
nampijangañe ze fonga niforekekè' i Ratiy, amy te nañimba aze t'i Andrianañahare.
39 Valolombeloñe amy ze hene nanoe'e an-tanen-Jiosy naho e Ierosaleme ao zahay, ie
vinono' iareo ami'ty nampiradoradoañ' aze an-katae†, 40 f'ie natroan' Añahare amy
havilasiy ami'ty andro fahatelo le naboa'e ho vazoho, 41 tsy ze fonga ondaty, fa o
valolombeloñe jinobon' Añahare aoloo, zahay nitrao-pikama naho finoñe ama'e ie
fa nitroatse amy havilasiy‡. 42 Le linili'e hitaroñe am'ondatio zahay, hitalily an-katò
t'ie i norizan' Añahare ho mpizaka o veloñeo naho o vilasioy. 43 Ie ty taroñe' ze
mpitoky iaby, te i tahina'e ty handrambesa' ze hene miato ama'e fañahan-kakeo.

* **10:28** Talilin-droae fa tsy Hake; Oni Mat 15:3,9, Mar 7:7-8, Kol 2:14,20,22 † **10:39** Its 21: 22-23 ‡ **10:41** Top 7:31, Jao 5:29, Sabo 96:13, 98:9, Ben 19:11

44 Ie mbe nisaontsy izay t'i Petera, le nivotrak' amo nahajanjiñe i tsaraio i Arofo
Masiñey. 45 Fonga nilatsa o mpiato sinavatse nindre amy Peterao, amy te nadoañe
amo kilakila ondatio ka ty falalà' i Arofo Masiñey, 46 ie jinanji' iareo te nilikoliko
naho nandrenge an' Andrianañahare, le hoe t'i Petera: 47 Ia ty handrara rano am'
iretoañe tsy hilipotse? ie rinambe' iereo manahak' antika i Arofo Masiñey! 48 Aa le
linili'e t'ie ho liporeñe amy tahina' i Talè Iesoày; le nihalalie' iereo t'ie hañialo ao
andro tsy ampeampe.

# 11

1 Jinanji' o Firàheñeo naho o roahalahy nanitsike Iehodào te nandrambe o tsaran'
Añahareo ka o kilakila ondatio. 2 Aa ie nionjoñe mb'e Ierosaleme mb'eo t'i Petera, le
tiniñe'o mpiamy sinavatseio 3 ami'ty hoe: Nihovae'o ty anjomba' o tsy nisavareñeo
naho nitraofa'o fikama.
4 Fe natalili' i Petera am'iereo boak' am-baloha'e naho nampalangese'e ami'ty
filaha'e ty hoe: 5 Zaho nilolok' an-drova e Jopa añe, le niaroñaroñe vaho nalangesan-
draha. Nitreako ty raha hoe lamba bey nizotso boak' andindìñe ey, nazetse an-kotso-
efatse le navotrak' amako. 6 Ie hinareko naho nañotsohotso, le naheoko t'ie biby
aman-tomboke efa' ty tane toio naho biby hako naho raha milaly vaho voron-tioke.
7 Le tsinanoko ty fiarañanañañe nanao amako ty hoe, Miongaha, Petera, Mandentà
vaho mikamà. 8 Le hoe raho: Sondo'e, Rañandria! Mbe lia'e tsy nizilihan-draha
faly ndra tsy malio ty am-bavako ao. 9 Fe nanoiñe fañindroe'e i fiarañanañañe
andindìñey ami'ty hoe: Ko atao faly ze fa nilioven' Añahare. 10 Le hene nanoeñe in-
telo ka zay vaho nitariheñe mb'andindiñe eñe. 11 Tsatok' añ' anjomba nitobohako
eo amy zao t'indaty telo nahitrik' amako boak' e Kaisaria añe. 12 Le nisaontsie'
i Arofoy ty hindrezako lia fa tsy hivazobazotse. Nitrao-dia amako ka o roahalahy
eneñe retiañe te nizilik' añ' anjomba' indatiy. 13 Natoro'e anay t'ie nahaisake anjely
nijohañe añ'anjomba'e ao nanao ty hoe: Ampisangitrifo ondaty homb'e Jopa añe
hikanjy i Simona atao Petera, 14 ie ty hinday tsara ama'o maharombak' azo naho o
añ'anjomba'o iabio. 15 Ie vaho nitaroñeko, le nivotrak' am' iereo i Arofo Masiñey
manahake taman-tikañe am-baloha'e. 16 Le nitiahiko ty nisaontsie' i Talè ty hoe: Toe
nampilipotse an-drano ao t'i Jaona, fe halipotse amy Arofo Masiñey nahareo. 17 Aa
kanao natolon' Añahare iareo i falalàñe natolo'e antika niato am' Iesoà Norizañeiy,
le ia v'irahoo, te hanebañe an' Andrianañahare?
18 Ie nahajanjiñe zay, le nianjiñe iereo, nibango an'Andrianañahare, ami'ty hoe:
Fa tinolon' Añahare fisolohoan-ko aman-kaveloñe ka o kilakila ondatio!*

### *Ty Fivory e Antiokia añe*

19 Ie amy zao, fa nañavelo sikal' e Foinika añe naho e Kiprosy añe naho mb'e
Antiokia mb'eo ondaty naparatsà' i fampisoañañe ty amy Stefana zay nitsey i tsaray,
tsy ama' ia naho tsy amo Jiosio avao. 20 Fe ty ila' iereo, o nte Kiprosy naho nte Kirenèo,
ro niheo mb'e Antiokia mb'eo nitalily amo Grikao nitaroñe Iesoà Talè. 21 Nañimba
iareo ty fità' i Talè, le maro ty niantoke vaho nitolik' amy Talè.
22 Nizilik'am-pijanjiña' i Fivory e Ierosaleme añey ty talily ty am' iereo, vaho
nahitri' iereo mb' Antiokia añe t'i Barnabasy. 23 Ie pok' añe, naho niisa'e ty hasoan'
Añahare, le niehake vaho hene nosihe'e ho lili-po amy Talè an-kaampon' arofo.
24 Ondaty vañon-dre, lifotse i Arofo Masiñey naho fatokisañe, vaho maro t'indaty
nitovoñe amy Talè.
25 Le nionjoñe mb'e Tarsosy mb'eo re nipay i Saole; 26 ie tendreke, le nandese'e
mb'Antiokia añe. Aa le naha ritse taoñe raike iereo nifampikaoñe amy Fivoriy naho

* **11:18** Oni Top 10:35

nañoke ondaty. E Antiokia ao ty namotorañe ty fikanjiañe o mpiama’eo ty hoe : Mpiami-Norizañey.
[27] Tamy andro rezay niheo mb’e Antiokia mb’eo ty mpitoky boak’ Ierosaleme
añe. [28] Niongake ty atao Agabo, mpiam’ iereo, naho nitoroa’e añamy Arofoy te
handrambañe ty tane bey toy ty san-kerè. (Le nitendrek’ amy andro’ i Klaodio
mpanjaka izay). [29] Aa le nilahatse o mpiatoo, te songa ondaty ami’ty hahalefea’e
ty hisangitri-palalàñe amo roahalahy mimoneñe e Iehodà añeo. [30] Nanoe’ iereo, le
nahitri’ iereo mb’amo mpiaoloo am-pità’ i Barnabasy naho i Saole.

# 12

*Vinono t’ Iakobe, Najoroboñe t’i Petera*

[1] Ie henane zay, nañity fitàñe t’i Heroda mpanjaka hampisarerake ty ila’ i fivoriy.
[2] Navetra’e am-pibara t’Iakobe rahalahi’ i Jaona. [3] Ie nifohi’e te nahafale o Tehodao,
le tinovo’e ami’ty nitsepahañe i Petera. Nanoeñe amo andro’ i Sabadidak’ i Mofo tsy
aman-dalivaiio zay. [4] Tsinepa’e re naho najo’e am-porozò ao naho nanolotse mpiray
lian-dahindefoñe efatse hañambeñe aze, ie nisinafiry ty hañakatse aze añatrefa’
ondatio naho fa tampetse i Fihelañey. [5] Aa le nitambozoreñe am-balabey ao t’i Petera
vaho nimanea’ i Fivoriy halaly aman’ Añahare.
[6] Ie amy aniankale’ ty hanesea’ i Heroda, le nirotse añivo’ ty lahin-defoñe roe ao t’i
Petera nivahoran-tsilisily roe, vaho nijohañe an-dalam-bey eo o mpigaritse i porozòio.
[7] Tojo te nivotrake eo ty anjeli’ Iehovà, le nireandreañe amy trañoy ty hazavàñe.
Nedrè’e an-deme’e t’i Petera naho nampitroare’e ami’ty hoe, Miongaha masìka! vaho
nivitsok’ am-pità’e o silisilio. [8] Le hoe ty asa’ i anjeliy tama’e: Midiaña naho mihanà.
Nanoe’e zay. Le hoe re tama’e: Saravio o lamba’oo le mañoriha. [9] Niakatse re,
nanonjohy avao, fa tsy napota’e te ho tò i nanoe’ i anjeliy ama’ey; natao’e te nioniñ’
aroñaroñe. [10] Rinio’ iareo ty liam-pigaritse valoha’e naho ty faharoe vaho nigaoñe
ami’ty lalam-bey viñe fimoahañe amy rovay ze nisokake ho a iareo an-tsatri’e le
niakatse naho nizotso mb’ami’ty lalañe mb’ eo vaho nimiañe ama’e i anjeliy.
[11] Ie nivañoñe t’i Petera, le hoe re: Apotako henaneo an-katò te nirahe’ Iehovà
i anjeli’ey hañaha ahy am-pità’ i Heroda naho amy ze fitamà’ o Jiosy iabio. [12] Ie
naharendreke zay, le nimb’ añ’ anjomba’ i Marie rene’ i Jaona natao Marka, ze
nivoria’ ty maro nihalaly. [13] Aa ie nañonkòñe amy lalam-bey fimoahañey t’i Petera,
le nimb’eo ty mpitoroñ’ ampela atao Rodae handrendreke. [14] Ie nirendre’e ty
fiarañanaña’ i Petera, le akore ty hafalea’e, kanao tsy nanokake lalañe, te mone
nilay añe nitalily te nijohañe an-dalambey ao t’i Petera! [15] Veren-draha n’iheo, hoe
iareo. Fe mbe nitambozore’e te to, le hoe iereo: I anjeli’ey ‘nio. [16] Mbe nañonkòñe
avao t’i Petera. Aa naho sinoka’ iareo i lalañey, nizoe’ iereo re vaho nilatsa, [17] le
tinondrotondro’ i Petera am-pitañe hianjiña’ iareo naho natalili’e ty nampiakara’ i
Talè aze amy porozòy. Le hoe re: Italilio t’Iakobe naho o roahalahio; vaho nienga
mb’an-toetse hafa añe.
[18] Ie nimaraindray, hay aia ty fivalitaboa’ o lahin-defoñeo ami’ty nanjò’ i Petera.
[19] Ie nampitsoehe’ i Heroda soa fa tsy nioniñe, le nilohize’e o mpigaritseo vaho
nampanese’e añe.

*Ty Fikoromoha’ i Heroda*

Nizotso boake Iehodà mb’e Kaisaria añe t’i Heroda le nitambatse ao. [20] Ie amy zao
ro nioroñoroñe amy Tirò naho i Sidona, f’ie nifamantañe le nimb’ ama’e mb’eo re,
naho nampivavè’ iareo t’i Blasto, mpiatra’ i mpanjakay, le nihalaly fifampilongoañe
ama’e amy te mpamahañe ty tane’ i mpanjakay ty tane’ iareo. [21] Aa ie amy
andro tinendrey, nisikin-dambam-panjaka t’i Heroda, niambesatse am-piambesa’e

eo nilañoñe am’ondatio. [22] Aa le nipazapazake ty hoe ondatio: Fiarañanañan-
drañahare zao fa tsy a ondaty. [23] Toly ndra pinao’ ty anjeli’ IEHOVÀ amy zao, ie
tsy nandrenge an’ Andrianañahare, le nihànen’ oletse vaho nihomake.
[24] Niraorao avao naho niboele ty tsara’ i Talè. [25] Naho niheneke ty lia’ i Barnabasy
naho i Saole e Ierosaleme ao le nimpoly vaho nindese’ iereo t’i Jaona, atao Marka
mindre ama’e.

# 13

### *Norizañe t’i Saole naho i Barnabasy*

[1] Irezao o mpitoky naho mpañòke mpiamy Fivori’ i Antiokiaio: i Barnabasy naho
i Simeona natao Nigera, le i Losio nte-Kirenìa naho i Menahema (i niara-nibey amy
Heroda mpanjakay) vaho i Saole. [2] Ie nitalaho amy TALÈ naho nililitse, le hoe i Arofo
Masiñey: Aviho ho ahy t’i Barnabasy naho i Saole ho ami’ty fitoroñañe ikanjiako
iareo. [3] Aa ie nililitse naho niloloke, le nampitongoàñe fitàñe vaho nampionjoneñe
mb’eo.
[4] Amy nañiraha’ i Arofo Masiñey, le nizotso mb’e Seleokia mb’eo iereo vaho nijon-
dakañe mb’e Kiprosy. [5] Ie toly e Salamisy le nitaroñe i tsaran’ Añaharey amo
fitontona’ o Jiosio. Tam’ iereo ka t’i Jaona ho mpiatrake.
[6] Ie niranga i toko-nosey naho nandoake Pafo añe, le nifanjò ami’ty mpañorik’
andro, mpitoki-vìlañe Jiosy atao Bar-Iesosy, [7] nireketse amy Sergio Paolo ragova,
ondaty mahilala; kinanji’ indatiy t’i Barnabasy naho i Saole fa nipay ty hijanjiñe
o tsaran’ Añahareo. [8] Fe natreatrè i Elima ambiasa (añara’e izay) ie nipay ty
hampiamboho i ragovay tsy hiantoke.
[9] Nilifotse i Arofo Masiñey t’i Saole, i natao Paoliy ka, le niharefe’e t’i Elima [10] vaho
nanoa’e ty hoe: Ty pea ze fonga famañahiañe naho fìtake, ana’ i Ratiy tìa! rafelahi’
ze atao havañonañe! Tsy mete apo’o hao ty fampikelohañ’ o lalam-banta’ i Talèo?
[11] Ingo te ama’o henaneo ty fità’ i TALÈ, le ho goa, tsy hahaisake i àndroy heike. Aa
le nivotrak’ ama’e ami’ty manao zao ty zono naho ieñe vaho nitoantoañe mb’eo re
nipay ty hitarik’ aze am-pitàñe. [12] Ie nioni’ i ragovay i nanoeñey, le niantoke, toe
nahavereñ’ aze ty fañòhañe i TALÈ.

### *Antiokia’ i Pisidia*

[13] Aa le nijon-dakañe boake Pafo t’i Paoly naho o rañe’eo nimb’e Perga’ i Pamfilia
mb’eo, fe nisitak’ am’iereo t’i Jaona nimpoly mb’e Ierosaleme añe. [14] Ie hirike
Perga le nandoak’ Antiokia’ i Pisidia, naho niheo am-pitontonañ’ ao ami’ty andro
Sabotse vaho niambesatse. [15] Ie nitampetse ty famakiañe i Hake naho o Mpitokio,
le nampanohine’ o mpifehe’ i fitontonañeio ami’ty hoe: O roahalahio, hera aman-
tsara mahaosike ondatio, le milañonà. [16] Niongake t’i Paoly nanondrotondro fitàñe
le nanao ty hoe: Ry nte-Israeleo naho ze mpañeveñe aman’ Añahareo, mijanjiña!
[17] Jinobon’ Añahare’ ondati’ Israele retoañe o roaen-tikañeo, le nonjone’e ondatio
t’ie nitaveañe ho renetane an-tane Egipte ao, vaho am-pionjonam-pità’e ty niaoloa’e
iareo nienga i taney; [18] Miha-efa-polo taoñe ty nañantoàña’e am-patrambey añe.
[19] Ie rineba’e ty fifeheañe fito e Kanana ao, le natolo’e iareo i tane’ iareoy ho lova
va’e efajato taoñe tsy limampolo. [20] Añe i nitaliliañey, le tinolo’e mpizaka ampara’ i
Samoela mpitoky, [21] ie nihalaly mpanjaka iereo, le tinolo’e i Saole ana’ i Kisy, afe’ i
Benjamina, efapolo taoñe. [22] Ie nasinta’e, le noriza’e t’i Davide ho mpanjaka’ iareo.
Le hoe ty nitaroñe’e: Nitreako t’i Davide ana’ Iesesày, ondaty mañorike ty troko;
hene hanoe’e o satrikoo.
[23] Boak’amo tarira’ indatio, ty amy tsara’ey, ty nanesean’ Añahare am’ Israele ty
Mpandrombake, IESOÀ. [24] Taolo’ ty fiavi’e le nitseize’ i Jaona ty filiporam-pisolohoañe
ho amy ze hene ondati’ Israele, [25] aa ie fa ho niheneke ty fitoroña’ i Jaona le nainai’e

nanoa’e ty hoe: Atao’ areo ho ia v’iraho? Tsy ie raho. Hehe t’ie tonjohize’ ty tsy
mañeva ahy hampidraitse o hana’eo.
26 O rolongo, ana’ o tarira’ i Abraàmeo, naho ry mpañeveñe aman’ Añahare ama’
areo, ie nampihitrifañe o entam-pandrombahañe zao. 27 Toe nihenefa’ o mpimoneñe
e Ierosalemeo naho o mpifehe’eo, ie tsy nahafohiñ’ aze ndra ty talili’ o Mpitoky
vakieñe boa-tSabatao, fe nihenefa’iareo ami’ty namàra’ iareo aze. 28 Aa ndra te
tsy nioniñe ty tali’ ty hañohofan-doza ama’e, mbe nihalalie’ iereo amy Pilato ty
hamonoañe aze. 29 Ie hene nifonire’ iareo ze pinatetse ty ama’e, le nazotso amy
hataey vaho nirohoteñe an-kibory ao, 30 f’ie natroan’ Añahare amy havilasiy, 31 vaho
nahaoniñe aze andro maro o nindre lia ama’e hirike Galilia pake Ierosaleme añeo.
Iereo ro valolombeloñe am’ondatio henaneo.
32 Taroñe’ay ama’ areo i Talili-soa nampitamañe an-droaentikañey 33 t’ie nihene-
fen’ Añahare aman-tika ana’ iareo, amy nampitroara’e Iesoày. Ie i pinatetse amy
Sabo faharoeiy, ty hoe:

Anako rehe; Anindroany ty nisamahako azo.*

34 Ty hatò’ t’ie nampitroare’e amy havilasiy tsy hibalike mb’am-pihomahañe ao ka,
ro tsinara ami’ty hoe:

Hatoloko azo o fitahiañe vantañe
naho to’ i Davideo.†

35 Hoe ka ty taroñe’ ty ila’e:

Ho tana’o tsy hihomake i Masi’oy.‡

36 I Davide, ie fa nitoroñe o mpiharo-nono ama’eo amy natoron’ Añahare azey,
le nirotse naho nirohoteñe aman-droae’e ao t’ie nihomake. 37 Fe tsy nimomoke i
natroan’ Añahare amy havilasiy. 38 Aa le mahafohina ry longo, te indatiy ro itaroñañe
ty fisolohoañe amo tahiñeo, 39 le ie ro añahàñe o mpiatoo amy ze hene raha tsy nilefe’
i Hà’ i Mosèy hahàñe.
40 Mitaoa arè, kera hizò i nisaontsieñe amo Mpitokio ty hoe:

41 Oniño ry mpanivetive, mañarahàrà vaho mikoromaha,
fa hitoloñe am-pitoloñañe
amo andro’areoo raho,
fitoloñañe tsy hiantofa’ondaty,
ndra te eo ty hampalange aze ama’areo.§

42 Aa ie niakatse o Jiosio, le nihalalie’ ondatio te ho lañoneñe ami’ty Sabotse here’e
i tsara zay. 43 Ie nigadoñe i fivoriy, maro amo Jiosio naho amo mpitalaho nivalike ho
Jiosio ty nañorike i Paoly naho i Barnabasy ze nitaroñe am’iereo, nañosike iareo
hifahatse amy hasoan’ Añaharey.
44 Ie amy Sabata here’ey, didý tsy i rova iabiy ty nifanontoñe hijanjiñe o tsaran’
Añahareo. 45 Aa naho niisa’ o Jiosio i màroy, le niliforem-parahy vaho niliere’ iereo
o raha nisaontsie’ i Paolio. 46 Nanoiñe ty hoe am-pahavaniañe t’i Paoly naho i
Barnabasy: Tsy mete tsy nitaroña’ay hey i tsaran’ Añaharey, fe kanao nikihoe’ areo
le nizaka-vatañe t’ie tsy mañeva i haveloñe nainai’ey, inao arè! mitolik’ amo kilakila
ondatio zahay 47 amy nandilia’ i Talè anaiy, ty hoe:

Nanoeko hazavàñe amo kilakila
‘ndatio rehe,
hinday fandrombahañe sikal’
añ’ olo-ty tane toy añe.*

48 Ie jinanji’ o kilakila ondatio zay le niehake vaho niasy ty tsara’ Iehovà; vaho hene
niantoke ze tinendre ho amy haveloñe nainai’ey.

* **13:33** Sab 2:7 † **13:34** Ies 55:3 ‡ **13:35** Sab 16:10 § **13:41** Kab 1:1-5 * **13:47** Ies 49:6

49 Le niboele nahatsitsike i taney ty tsara’ IEHOVÀ. 50 Fe sinigì’ o Tehodao o rakemba
bey mpitalahoo naho ondaty bei’ i rovaio, le trinobo’ iereo fampisoañañe amy Paoly
naho i Barnabasy vaho rinoa’ iereo amy taney. 51 Aa le nabò’ iereo ama’e ty lembok’
am-pandia’ iareo naho nimb’e Ikonioma añe, 52 vaho nilifotse ty ehake naho i Arofo
Masiñey o mpiòkeo.

# 14

*A Ikonioma*

1 Ie te Ikonioma añe le nindre nizilik’ am-pitontona’ o Jiosio, le akore ty lañona’
iareo kanao maro amo Jiosio naho o Grikao ro niantoke. 2 Fe trinobo’ o Jiosy
tsy niantokeo ty arofo’ o kilakila ‘ndatio vaho vinore’ iareo afero-añ’ate ty amo
mpiroahalahio. 3 F’ie nitambatse ao andro maro, nitalily i TALÈ am-pahasibehañe, ie
namente i tsaray ami’ty hasoa’e, nanolotse viloñe naho halatsàñe nanoeñe am-pità’
iareo.
4 Fe nifañambake ondati’ i rovaio; atia o mpiamo Jiosioo, le etia o nimpiamo
Firàheñeoo. 5 Nikilily ty ila’ o Tehodao miharo amo kilakila’ ondaty ila’eo naho
o bei’ iareoo, ty hijoy iareo am-pametsaham-bato, 6 ie naharendreke le nibolititse
mb’e Derbe naho mb’e Listra, rova i Likaonia naho mb’am-paripari’e ao, 7 nitolom-
pitaroñe i talili-soay.

*E Listra naho e Derbe*

8 Te Listra ao ty lahilahy nikonenake avao, naleme fandia, kepeke boak’ an-kovin-
drene’e, mb’e lia’e tsy ninokitse. 9 Tsinendre’e ty saontsi’ i Paoly, le hinare’ i Paoly
naho nioni’e te nahatsàke hañahàñ’ aze i fatokisa’ey, 10 le napaza’e ty hoe: Miongaha
am-pandia’oo! Aa le nitsamboan-dre naho nanjotike. 11 Ie nioni’ i lahialeñey i nanoe’
i Paoliy, le songa nikontsiañe an-tsaontsy Likaonia, ami’ty hoe: Fa totsak’ aman-
tikañ’ atoy o ndrañahareo misare ondaty! 12 Natao’ iereo Jopitera t’i Barnabasy,
naho Hermese t’i Paoly amy t’ie ty talèn-tsara. 13 Nanese añombelahy naho voñe
firavahañe mb’ an-dalam-bey mb’eo ty talèm-pisoro’ i Jopitera mpimoneñe amy
anjomba’e miavake aolo’ i rovay eiy, Ie naho i lahialeñey ho nisoroñe. 14 Fe jinanji’ i
Barnabasy naho i Paoly izay, le nandriatse saroñe vaho nilay anteñateña’ i lahialeñey
ao nikoike ty hoe: 15 O roandriañeo, akore ty anoa’ areo zao? Ondaty hambam-
bintañe ama’ areo zahay, minday talily soa ho anahareo, hitaroñe ty hiambohoa’
areo o raha tsy jefa’e retiañe ho mb’aman’ Añahare veloñe, i namboatse i likerañey
naho ty tane toy naho i riakey vaho ze he’e ama’e ao*. 16 Toe nado’e hañavelo
amy ze homba’e o mpirofoko amo tariratse taoloo†. 17 Fe tsy nenga’e tsy ho amam-
pitalily, le tolora’e hasoa naho ampahavia’e orañe boak’ andindìñe ao naho vole
an-tsam-pamokarañe vaho anjotsoa’e mahakama naho hafaleañe mahaeneñe amo
arofon-tikañeo‡. 18 Fe didý tsy nahasebañe i lahialeñey hisoroñe am’ iereo i saontsy
zay.
19 Lonea amy zao ty Jiosy ila’e boak’ Antiokia naho e Ikaonioma nitrobo i
lahialeñey, nametsa-bato amy Paoly le kinovovo’ iereo alafe’ i rovay ey, fa natao
t’ie nivetrake. 20 Aa naho niarikoboña’ o mpiama’eo, le niongake re nizilik’ an-drova
ao.

*Mibalike mb’e Antioka mb’eo*

Ie amy loak’ àndroy, nienga rekets’ i Barnabasy le nomb’e Derbe mb’eo, 21 nitaroñe
i talili-soay amy rovay, nampivangongo o mpiòkeo, le nibalike mb’e Listra naho e
Ikaonioma vaho Antiokia mb’eo, 22 nañafatratse ty arofo’ o mpiòkeo, nandrisike

* **14:15** Avo 20:11, Sab 146:6 † **14:16** Oni Top 17:30 ‡ **14:17** Oni Mat 5:45

iareo hitoloñe am-patokisañe, ami’ty hoe: Lako hasotry ty hisorohañe hahafizilihan-
tika amy Fifehean’ Añaharey. [23] Le nanendre mpifehe amy Fivory iaby rey naho
nihalaly an-dilitse, ie nonjone’ iareo amy TALÈ natokisa’ iareoy.
[24] Niranga i Pisidia iereo, le nipok’ e Pamfilià añe; [25] nitaroñe i tsaray e Perga
vaho nizotso mb’e Atalìa mb’eo. [26] Hirik’ ao le nijon-dakañe mb’e Antiokia añe, amy
nanolorañe iareo an-kasoan’ Añahare i fitoroñañe nihenefa’ iareoiy.
[27] Ie nivotrak’eo, le natonto’ iareo i Fivoriy vaho nitalily ze hene nanoen’ Añahare
añam’ iereo naho ty nanokafa’e lalañe amo kilakila ondatio. [28] Aa le nitambatse ela
amo mpiokeo iereo.

# 15

*Ty Fivory e Ierosaleme ao*

[1] Teo ty nizotso boak’ Iehodà añe nañoke ty hoe amo roahalahio: Ze tsy savareñe
amy sata’ i Mosèy, le tsy ho rombaheñe. [2] Tsy naivañe ty fifandierañe naho
fifanointoiña’ i Paoly naho i Barnabasy ama’e le sinafiri’ iereo ty hañitrike i Paoly
naho i Barnabasy naho ty ila’e mb’e Ierosaleme mb’amo Firàheñe naho bey añeo ty
amy ontane zay. [3] Ie nampionjone’ i Fivoriy amy lalañey, le niranga i Foinika naho
i Samaria, nitalily ty fisolohoa’ o kilakila ondatio vaho nahaehake o roahalahy iabio.
[4] Ie nandoake e Ierosaleme ao, le rinambe i Fivoriy naho o Firàheñeo naho o beio,
vaho nitalilieñe ze he’e nanoen’ Añahare añam’ iereo. [5] Fe niongake ty mpiato ila’e
amo Fariseo, nanao ty hoe: Tsy mete tsy ampisavareñe ondatio vaho lilieñe hañorike
ty Hà’ i Mosè.
[6] Nivory hisafiry i entañe zay o Firàheñeo naho o beio, [7] f’ie nifandietse avao, aa
le niongake t’i Petera nanao ty hoe: O Roahalahio, fohi’ areo te nitoroan’ Añahare
hatrela’e te ho janjiñe’ o kilakila ondatio am-bavako ty enta’ i talili-soay vaho
hiantoke. [8] Aa le nitaroñe am’ iereo t’i Andrianañahare Mpaharofoanañ’ arofo, le
nitolora’e i Arofo Masiñey manahake ty nanoe’e aman-tikañe. [9] Toe tsy nambaha’e
aman-tika iereo kanao nefera’e am-patokisañe o arofo’ iareoo. [10] Aa vaho akore ty
itsoha’ areo an’Andrianañahare, hampitongoà’ areo joka am-pititia’ o mpiòkeo, ie
tsy nileon-tika ndra o roaen-tikañeo? [11] Aiy! Atokisan-tika te i hasoa’ IESOÀ Talèn-
tikañey ro maha voarombak’ antika, le hambañe amy zay iereo.
[12] Fonga nianjiñe i màroy, nijanjiñe ty nitalilie’ i Barnabasy naho i Paoly o viloñe
naho halatsàñe nanoen’ Añahare añivo’ o kilakila ‘ndatio añam’ iereoo.
[13] Ie nigadoñe i fitaliliañey, le hoe ty natoi’ Iakobe: O roahalahio, ijanjiño, [14] Fa
nitalilia’ i Simona i fitilihan’ Añahare valoha’ey, handrambesa’e ondaty amo kilakila
ondatio ho amy tahina’ey, [15] mira amo nitsarae’ o mpitokio, amy pinatetseio ty hoe:
[16] Ie añe, le hibalike raho
naho hamboareko indraike
i kivoho’ i Davide nirotsakey;
ho tsenèko indraike i nikoromakey,
vaho hatroako,
[17] soa te hipay IEHOVÀ ondaty ila’eo
toe ze kilakila ondaty
tokaveñe ami’ty añarako,
[18] hoe t’IEHOVÀ mampahafohiñe
o raha zao boake haehae añe.*
[19] Aa le hoe ty safiriko, te tsy holañen-tikañe o mitolik’ aman’ Añahare boak’
amo kilakila ondatio, [20] fe anokiran-tika taratasy, hifoneña’ iareo ze raha nitivae’

* **15:18** Amo 9:11,12

o hazomangao naho ty hakarapiloañe naho ty henam-biby nidageañeñe vaho ty lio†.
21 Amy te nitaroñeñe haehae amy ze kila rova t'i Mosè, ie vakieñe am-pitontonañ'
ao boa-tSABATA.

*Entañe ho a o kilakila ondatio*

22 Aa le nisatrie' o Firàheñeo naho o beio naho i fivory iabiy ty hijoboñe ondaty
am'iereo ao, hihitrike mb'e Antiokia añe mindre amy Paoly naho i Barnabasy. Le
jinoboñe t'i Joda (atao Barsabasy) naho i Silasy, ondaty mpiaolo amo rahalahio. 23 Aa
le nisokireñe ty hoe am-pita'iareo: Ry Firàheñeo naho o roahalahy beim-pivorio, Ho
amo rahalahy boak' amo kilakila' ndatio e Antiokia naho e Sirià vaho e Kilkia añeo:
Talilio' areo: 24 Ie jinanji'ay te boak'ama'ay atoy o tsy nitoroa'aio, nitsibore anahareo
an-tsaontsy nañembetse, 25 le natao'ay t'ie nivory am-pitraofan-drehake, te hahasoa
ty hijoboñe ondaty tsy ampeampe hampombañe mb' ama' areo mb'eo mindre aman-
drañe'ay sarotse, i Barnabasy naho i Paoly— 26 ondaty nihirimbeloñe ty amy tahina'
i TALÈ IESOÀ Norizañey. 27 Aa le nampihitrife'ay t'i Joda naho i Silasy hamente o
entañe zao am-palie 28 amy te hoe nò' i Arofo Masiñey naho zahay ty tsy hanovoña'ay
kilankañe mandikoatse o fañè rezao: 29 Falio ze raha nisoroñañe an-kazomanga naho
ty lio naho ze dinageañe vaho ty fandrañaotañe. Mahasoa anahareo te ifoneñañe.
Manintsiña.
30 Aa le nampionjoneñe mb'eo iereo naho nivotrake e Antiokia le natonto' iereo i
Fivoriy vaho natolotse i taratasiy. 31 Ie vinaki' iereo le niehake ty amy fañosihañey.
32 Aa kanao mpitoky t'i Joda naho i Silasy, le nañosike naho nañafatratse o roahalahio
an-tsaontsy maro. 33 Ie roñoñe añe, le nampañaveloe' o rahalahio himpoly mb'amo
nañitrik' iareoo mb'eo‡. 35 Fe nitambatse e Antiokia ao t'i Paoly naho i Barnabasy
mindre ami'ty ila'e maro, nañoke naho nitaroñe ty tsara' IEHOVÀ.

*Ty Lie' i Paoly amy Barnabasy*

36 Ie nahamodo andro tsiampeampe, le hoe t'i Paoly amy Barnabasy: Antao hibalike
naho hitilike o roahalahin-tika amy rova iaby nitaroñan-tika o tsara' i Talèo reio,
hañontane iareo. 37 Sinafiri' i Barnabasy ty hinday i Jaona (atao Marka) hitrao-dia,
38 fe nifahara' i Paoly te tsy hahasoa te hindeseñe ie nivik' am'iareo e Pamfilià añe
naho tsy nindre am-pitoroñe. 39 Aa le akore ty fifanjomora' iareo kanao nifampipi-
tsoke. Nendese' i Barnabasy t'i Marka nijon-dakañe mb'e Kiprosy añe, 40 le jinobo' i
Paoly t'i Silasy vaho nienga, ie fa nitatae' o roahalahio ho ami'ty hasoa' i TALÈ. 41 Le
niranga mb'e Sirià naho e Kilkia mb'eo re nañafatratse o Fivorio.

## 16

*Nitraofa' i Timoty*

1 Nimb'e Derbe naho mb'e Listra añe t'i Paoly le nanjo ty mpiòke atao Timoty, ana'
ty rakemba Jiosy, mpiato; Grika ty rae'e. 2 Nitalili-soa aze o rahalahy e Listra naho
Ikaoniomao. 3 Niteà' i Paoly ty hindreza'e lia, le rinambe'e vaho nisavare'e ty amo
Jiosy nitobokeo, amy te songa nahafohiñe ty rae'e ondatio t'ie Grika. 4 Ie niranga
i rova rey le nitaroñe o fañè najado' i Firàheñe naho i beim-pivory e Ierosaleme
añe rey hambenañeo. 5 Aa le niventèñe am-patokisañe o Fivorio vaho nitovoñe
lomoñandro.

*Ty Koi' Indaty nte Makedoniay*

6 Nañariary mb'e Frigià naho am-paripari' i Galate iereo, amy te rinara' i Arofo
Masiñey tsy hitaroñe i tsaray an-tane' Asia añe. 7 Ie pok' e Misià eo, le nipay higodañe

† **15:20** Fot 22:20, Sor 17:7, Its 32:17,21, 1Ko 10:14,20-22; Vol 25:1-3, Sor 17:7; Fot 9:4, Eze 33:25, Rzt 21:25; Sor
17:10-14 ‡ **15:33** 34:Fe nikitra' i Silasy ty nitofa ao.

mb’e Bitinia fe tsy napo’ i Arofo’ IESOÀy. 8 Aa le rinio’ iereo ty Misià vaho nizotso
mbe Troasy mb’eo.
9 Nisodehañe amy Paoly haleñe añ’ aroñaroñe t’indaty nte Makedonia nijohañe
eo nihalaly ama’e ty hoe: Mitsahà mb’e Makedonia mb’ etoa hañolots’ anay. 10 Ie
niaroñaroña’ i Paoly, le nikotepe amy zao zahay hionjoñe mb’e Makedonia añe, fa
napota’ay ty hatò t’ie kinanjin’ Añahare hitaroñe am’iereo i talili-soay.

*Ty Fatokisa’ i Lidiae*

11 Aa le nijon-dàkañe boak’ e Troasy naho nivantañe mb’e Samotrakia, vaho nimb’e
Neapolia añe amy loak’ àndroy. 12 Boak’ ao le nimb’e Filipy, ty rova-fiaolo amy fari’
i Makedoniay, fa aman-tobe ty ao. Nitobok’ amy rovay andro tsy ampeampe zahay.
13 Ie ami’ty andro Sabotse, niavotse i rovay nimb’ añ’olon-tsaka mb’eo, fa
inao toem-pitalahoañe ty ey, le nitoboke nifanaontsy amo rakemba nivorivorio.
14 Nahatsendreñe ty rakemba atao Lidiae, mpanao balike lamba malò-mavo an-drova
atao Tiatira, mpitalaho aman’ Añahare; le sinoka’ i TALÈ ty arofo’e vaho hinao’e ty
nitaroña’ i Paoly. 15 Ie nalipotse naho o añ’anjomba’eo le nambarà’e ami’ty hoe:
Naho atokisa’ areo ty fiatoako amy TALÈ, le mihovà an-trañoko vaho mañialoa ao. Le
nazì’e zahay.

*Am-balabey ao t’i Paoly naho i Silasy*

16 Teo t’ie nimb’am-pitalahoam-beo ro nifanojeha ami’ty ampela amam-pañahy
nahafitoky, ie nanontoñe vara maro amo talè’eo amy fizeke’ey. 17 Norihe’e t’i Paoly
naho zahay nitazataza ty hoe: Mpitoron’ Añahare Andindimoneñey ondati-retia,
mpanoro antika i lalam-pandrombahañey. 18 Andro maro t’ie nitolom-panao izay. Aa
ie niembetse t’i Paoly, nitolike le nanoe’e ty hoe amy angatsey: Lilieko amy tahina’
IESOÀ Norizañey, Iakaro! Le nifaok’ ama’e amy oray avao.
19 Aa ie nirendre’ o tompo’eo te nifaok’ am’iereo ka ty fitama’ iareo vara, le
tsinepa’ iereo t’i Paoly naho i Silasy vaho kinovovò’ iereo mb’ an-tsena mb’ aolo’
ondaty beio mb’eo, 20 le nasese añatrefa’ o bei’ i rovaio, naho nanoa’ iareo ty
hoe: Mampirehoreho ty rova toy ondaty retiañe, fa Jiosy, 21 vaho mandrisike sata
faly tsy mete rambesentika ndra hambenan-tika nte-Roma. 22 Aa le nitrao-piongake
hiatreatre am’ iareo i lahialeñey; naho nihaloe’ o beio am’iareo o saro’eo vaho
linily t’ie ho fofohen-kobaiñe. 23 Aa ie kinabokabo’ iareo fofoke, le natafasiotse
am-pandrohizañe ao vaho nafantok’ amy mpigarim-balabeiy te hambenañe soa.
24 Kanao izay ty nandiliañe aze, le najo’e am-po’ ty efetse làlek’ ao iereo, vaho nazi’e
an-dabarò o fandia’eo.
25 Aa ie nimatokalembey, naho niloloke naho nisabo aman’ Añahare avao t’i Paoly
naho i Silasy am-pijanjiña’ o mpirohio, 26 le nivovoa’ ty ezeñezen-tane ra’elahy,
nahafiozoñozoñe o faha’ i porozòio, songa sinoka’e o lalam-beio vaho sindre binala’e
o silisilio. 27 Tsekak’ amy firota’ey i mpigarim-balabeiy le naheo’e te nidañadaña
o lalam-beim-balabeio vaho napontsoa’e ty fibara’e hamoy aiñe amy te natao’e te
nibolatitse o rinohio. 28 Fe pinaza’ i Paoly ty hoe: Ko mijoy vatañe! Hene atoan-
jahay! 29 Aa le nitoka jiro i mpigaritsey naho nihitrike mb’eo nitititititike vaho nihotrak’
am-pandia’ i Paoly naho i Silasy eo. 30 Nakare’e le nanoe’e ty hoe: O androanavio,
ino ty hanoeko handrombahako fiaiñe? 31 Le hoe iereo: atokiso i TALÈ IESOÀ, le
ho rombaheñe—ihe naho o añ’anjomba’oo, 32 le nitaroña’e ty tsara’ IEHOVÀ vaho
amo añ’ anjomba’e iabio. 33 Nindese’e amy ora’ i haleñeiy iereo nanasa o fereo, le
nalipotse, ie naho o aze iabio; 34 naho nampihovae’e añ’anjomba’e ao iereo naho
nanjotsoa’e vaho nirebeke te niatoa’e t’i Andrianañahare, ie naho o keleia’e iabio.
35 Ie nazava i àndroy, le nirahe’ o beio o lahindefoñeo ami’ty hoe: Avotsoro indaty
rey.

36 Aa le natalili’ i mpigaritsey amy Paoly i entañey, ami’ty hoe: Fa nampañitrike
ty hoe o beio t’ie ho hahàñe. Miavota arè, mañaveloa am-panintsiñañe. 37 Fa
hoe t’i Paoly am’iereo: Vinangovango’ iareo am-batraike tsy aman-jaka, zahay nte-
Roma, vaho najo’ iareo am-balabey ao. Aa vaho haronjeñe mb’eo hao henaneo am-
pianjiñañe? Aiy! Soa te ie ro homb’ etoa hañavotse anay. 38 Ie natalili’ i mpigaritse
rey amo beio i saontsiy, le nihembañe te nahajanjiñe t’ie nte-Roma. 39 Aa le nimb’
eo iereo nifelek’ am’ iareo, nanese vaho nihalaly t’ie hiavotse i rovay. 40 Niakatse
i porozòy iereo le nimb’ añ’ anjomba’ i Lidiae mb’ eo naho nahaoniñe o rahalahio
naho nañohò iareo, vaho nienga.

# 17

*Hotakotake e Tesalonika añe*

1 Ie niranga i Ampifolia naho i Apolonia le nandoake e Tesalonika fa ama’e ao
ty Fitontonan-Jiosy. 2 Nizilik’ am-pitontonañ’ ao t’i Paoly amy lili’ey, le nitoroa’e
boak’ amo Sokitse Masiñeo ami’ty SABOTSE telo, 3 nampalange naho nampidodea
te tsi-mahay tsy nijale i Norizañey vaho nitroatse amy havilasiy, ami’ty hoe, IESOÀ
itaroñakoy, ie ‘nio i Norizañey. 4 Niantoke ty ila’e le nirekets’ amy Paoly naho i Silasy;
nanao zay ka ty maro amo Grika mpitalahoo, vaho maromaro amo roakemba beio.

5 Fe nañitrike ondaty tsivokatse boak’ an-tsena ao am-pikirañañe, o Tehodao,
nitrobotrobo i lahialeñey, nampivalitsingorake i rovay; vaho nifajifajy mb’ añ’
anjomba’ i Jasona hañakarañe iareo mb’amy màroy. 6 F’ie tsy nitendreke; le
kinororòke mb’añatrefa’ o bei’ i rovaio mb’eo t’i Jasona naho ty roahalahy ila’e,
vaho nitazataza ty hoe: Hehe te nivotrak’ atoy ka o mpampibalitaboake ty tane toio,
7 mbore nampihovàe’ i Jasona. Mandilatse o lilin-Kaisarao ty sata’ iareo le inao eo ze
o mpanjaka tovo’e atao IESOÀ zao. 8 Ie nahajanjiñe zay, le nitsiborehetoke i lahialeñey
naho o bein-drovao. 9 Le nampandoà’ iareo àntoke t’i Jasona naho o rañe’eo vaho
navotsotse.

*E Berea ao*

10 Aa le nahitri’ o roahalahio aniany amy haleñey mb’e Berea mb’eo t’i Paoly
naho i Silasy. Ie pok’ eo le nizilik’ am-pitontonan-Jiosy ao. 11 Nivañoñe te
amo nte Tesalonikao iretoa, amy t’ie nandrambe o tsarao am-pahimbañañe vaho
nañotsohotso o Sokitse Masiñeo lomoñandro handrendreke ty hatò’ o raha zao.

12 Aa le maro ty niantoke, miharo ami’ty roakemba maromaro aman-kasy naho
amo lahilahy Grikao. 13 Aa ie nifohi’ o Jiosy nte Tesalonikao te mbore nitaroñe i
tsaran’ Añaharey e Berea t’i Paoly, le niheo mb’eo ka iereo nitrobo i lahialeñey. 14 Le
nampihitrife’ o roahalahio pak’an-driak’ añe aniany t’i Paoly, fe mbe nitambatse eo
t’i Silasy naho i Timoty. 15 Nasese’ o lahilahio pak’ Atena añe t’i Paoly; le nimpoly
ninday saontsy amy Silasy naho i Timoty ty homb’ama’e añe masìka.

*Atena ao*

16 Nandiñe iareo e Atena ao t’i Paoly fe nitsimboetse añ’arofo t’ie nahaisake te lifo-
kazomanga i rovay. 17 Aa le nitaroñe lomoñandro amo Jiosio naho amo mpañeveñe
aman’ Añahareo am-pitontonañe ao naho an-tsena ey amy ze nifanampe ama’e.
18 Nifanaontsy ama’e ka o mpikaro-kihitse amo Epikoreo naho amo Stoikao. Hoe
ty ila’e: Ino ty ho volañe’ ty mpangaradadake tìa? Hoe ka ty ila’e: Hoe t’ie mpitalily
ndrañahare hafa, amy t’ie nitaroñe IESOÀ naho i fivañonambelo’ey. 19 Rinambe’
iereo naho nasese mb’ami’ty Areopagò mb’eo, le nanao ty hoe: Ehe ampahafohino
anay te inoñe o fañòhañe vao saontsie’oo; 20 amy t’ie minday enta ankafankafa an-
dravembia’ay, paia’ay ty hahafohiñe ty lengo’ o raha zao. 21 (Toe fonga tsy nanao

inoñ' inoñe o nte Atenao naho ze ambahiny ao naho tsy ty hitalily ndra ty hijanjiñe
ze atao vao lomoñandro.)
22 Aa le nijohañe añivo' i Vohi-Arese eo t'i Paoly nanao ty hoe: O ry nte Atenao!
Treako t'ie vata'e mpitalaho amy ze he'e. 23 Izaho nijenlajelañe, nisamba o fitalahoa'
areoo, le nizoeko ty kitrely nipatereñe ty hoe: Ho amy t'i Andrianañahare tsy Fohiñe.
Aa le hitaroñako i italahoa' areo fa tsy apota' areoy. 24 I Andrianañahare nanao
ty voatse toy naho ze he'e ama'ey, ie i Talè i likerañey naho ty tane toiy vaho tsy
mpimoneñe an-kibohotse nanoem-pitàñe re*; 25 mbore tsy atràm-pità' ondaty—ino
ty paiae'e? Ie ty mpanolo-kaveloñe naho arofo vaho ze he'e. 26 Le songa namboare'e
an-dio raike ze foko' ondaty, himoneña'e an-tane atoy, le ie ty nisafiry o sàn' andro
hiraoraoa' iareo, vaho ty efem-pimoneña' iareo; 27 soa te hipay an' Andrianañahare,
hitsoek' aze, he ho tendreke, ie tsy lavitse an-tikañ' iaby. 28 Fa ama'e ao tika ro veloñe
naho mihetseke vaho manañ' aiñe, manahake ty fitaroña' o mpahay sabo' areoo, ty
hoe: Tarira'e ka tikañe. 29 Aa kanao tariran' Añahare tika, le tsy mete ty fitsakorean-
tika te ampihambañeñe ami'ty volamena ndra volafoty ndra vato nisokireñe an-
kilala naho ami'ty hihi' ondatio i Masiñey. 30 Ie nihevea'e heike an-tsa habahimoañe,
ro taroñen' Añahare henaneo te tsi-mete tsy hene misoloho ondatio ndra aia aia,
31 amy te nifotoàña'e andro zaka an-katò ty voatse toy añam' indaty tinendre'ey†; ie
niventè'e amy ze kila ondaty amy nampitroara'e an-kavilasy.
32 Aa ie jinanji' iereo ty hoe: Fitroarañ' an-kavilasy, le nikobìha' ty ila'e, vaho hoe
ka ty ila'e: Mbe hijanjiña'ay indraike. 33 Aa le nienga iareo t'i Paoly. 34 Fe nipitek'
ama'e t'indaty ila'e vaho niato. Tam' iereo t'i Dionisio, mpiamy Areopagoy, naho ty
rakemba atao Damarie vaho ty ila'e.

# 18

*E Korinto ao*
1 Ie añe, le nienga i Atena t'i Paoly mb'e Korinto mb'eo. 2 Le tendreke ty Jiosy atao
Akoila, nisamak' e Ponto, ie vaho nivotrake boak'e Italia rekets' i Prisilae, vali'e,
(ami'ty nandilia' i Klaodio te hakareñ' amy Roma ze atao Jiosy.) Le niheova'e,
3 aa kanao nihamban-tolon-draha, le nimoneñe am' iereo ao, nitrao-pitoroñe, fa
sindre mpamboatse lamban-kibohotse. 4 Boa-tSABOTSE re nañoke am-pitontonañe
ao, nandrekets' o Jiosio naho o Grikao.
5 Ie pok'eo boake Makedonia añe t'i Silasy naho i Timoty, le nazìn' arofo t'i Paoly
hitaroñe amo Jiosio te IESOÀ i Norizañey. 6 Aa ie nandietse naho nanivetive avao, le
nakopi'e o saro'eo, nanao ty hoe: Ami'ty añambone' areo o lio' areoo! Malio raho, fa
homb' amo kilakila ondatio henane zao. 7 Niakatse re, niheo mb' añ' anjomba' ty atao
Titosy Josto, mpitalaho aman' Añahare, ie nipitek' amy fitontonañey i anjomba'ey.
8 Niantoke i TALÈ t'i Krispo, bei' i fitontonañey, naho o añ' anjomba'e iabio; le maro
amo nte-Korinto ro nahajanjiñe naho niato vaho nalipotse.
9 Nañento i Paoly haleñe añ' aroñaroñe t'i TALÈ, ami'ty hoe: Ko hembañe, fa
mitaròña, le ko mianjiñe, 10 amy te mindre ama'o raho vaho tsy ao ty hiambotrak'
ama'o hijoy, fa maro ty ondatiko an-drova atoy. 11 Aa le nitoloñe ao taoñe raike tsy
enem-bolañe re nañoke o tsaran' Añahareo am'iareo.
12 Ie nimpifehe' i Akaia t'i Galio, le nifandrimboñe o Tehodao nañoridañe i Paoly,
vaho nasese' iareo mb'an-jaka. 13 T'indaty tìañe, hoe iareo, manigìke ondatio
hitalaho aman' Añahare am-pirangañe Hake. 14 Ie fa ho nanoka-palie t'i Paoly, le hoe
t'i Galio amo Tehodao, Naho ie mioza an-dilatse ndra halolòañe, ry Tehodao, le ho nitò
te nifeahako. 15 Fe kanao ontane ty amo tsarao naho o tahinañeo vaho i lili' areoy—
le mifandahara, fa tsy ho zakaeko. 16 Le rinoa'e hisitak' amy fiambesam-pizakañey.

* **17:24** Oni Top 7:48 † **17:31** Oni Top 10:42

[17] Aa le niambotraha’ i màroy t’i Sostena, bei’ i fitontonañey le kinabokabo’ iereo añatrefa’ i fiambesam-pizakañey, fe tsy nihaoñe’ i Galio.

*Mibalike mb’Antiokia mb’eo*

[18] Ie nitambatse ela ao t’i Paoly, le niavotse amo roahalahio, vaho nijon-dàkañe
mb’e Sirià añe mindre amy Prisilae naho i Akoila, ie fa nihitsife’e e Kenkrea ao hey
o maroi’eo ami’ty fanta nanoe’e. [19] Ie nivotrake Efesosy añe, le nenga’e eo iereo,
vaho nizilik’ am-pitontonañ’ ao nifañotsohotso amo Jiosio. [20] Nihalalie’ iereo t’ie
hitambatse ao, fe tsy nimete. [21] Fa hoe re amy fienga’ey: Tsy mete tsy ambenako e
Ierosaleme ao i sabadidake fa antitotsey, f’ie hibalike naho non’ Añahare; le nijon-dakañe Efesosy ao.

[22] Ie nandoake e Kaisaria añe, le nionjoñe mb’eo nifañontane amy Fivoriy, vaho
nizotso mb’e Antiokia mb’eo. [23] Teo hey re, vaho nienga nañariary an-tane Galate
naho e Frigià añe nampaozatse o mpiòke iabio.

*Ty Fitoroña’ i Apolosy*

[24] Ie amy zao nivotrake Efesosy ao ty Jiosy atao Apolosy, nte Aleksandria; ondaty
fonitse hilala, maozatse amo Sokitse Masiñeo. [25] Toe naòke ami’ty lala’ i Talè indatiy,
le naringatse an-troke, nitalily naho nañanatse Iesoà an-katò, fe ty fampilipora’ i
Jaona avao ty nifohi’e. [26] Niorotse nilañoñe an-kasibehañe am-pitontonañ’ao re; aa
naho nahajanjiñe aze t’i Prisilae naho i Akoila, le natola’ iareo, vaho nampalangesañe
an-katò o satan’ Añahareo. [27] Ie nisalalae’e ty homb’ Akaia mb’eo, le nirisihe’ o
roahalahio an-tsokitse o mpiòke añeo ty handrambe aze. Ie pok’ eo le vata’e nimbae’e
o nahafiato amy hasoaio. [28] Amy te niliere’e an-ozatse am-batraike ey o Jiosio le
naboa’e amo Sokitse Masiñeo te toe Iesoà i Norizañey.

# 19

*Efesosy ao*

[1] Teo t’ie e Korinto añe t’i Apolosy, le niranga i tane aboy t’i Paoly naho nipoteake
e Efesosy ao vaho nitendreke mpiòke, [2] le nanoa’e ty hoe: Rinambe’ areo hao i Arofo
Masiñey te niantoke? Aiy! hoe ty natoi’ iareo: mbe tsy nijanji’ay i Arofo Masiñey.
[3] Aa le hoe re: Ami’ty inoñe arè ty nampiliporañe anahareo? Ty fampilipora’ i Jaonay,
hoe iareo. [4] Aa le hoe t’i Paoly: Toe nandipotse ami’ty fandiporam-pisolohoañe t’i
Jaona, hatokisa’ iareo i manonjohy azey: Iesoà izay. [5] Ie jinanji’ iereo, le nalipotse
ami’ty tahina’ Iesoà Talè. [6] Le nanampeza’ i Paoly fitàñe naho nivotraha’ i Arofo
Masiñey naho nilikoliko vaho nitoky. [7] Va’e folo ro’amby indaty rey.

[8] Nizilik’ am-pitontonañ’ao t’i Paoly le nilañoñe telo volañe, am-pahavaniañe
nitaroñe naho nañosike iareo amy Fifehean’ Añaharey. [9] Aa ie nihagàñe ty ila’e naho
nanjehatse mbore nanivetive i Lalañey añatrefa’ i màroy, le nisitaha’e naho nave’e o
mpiòkeo vaho nañotsohotso boak’ andro an-dakilasi’ i Tiranò ao. [10] Nitoloñe’ iereo
roe taoñe zay, aa le hene nahajanjiñe ty tsara’ Iehovà o mpimoneñe Asiao, ndra Jiosy
ndra Grika.

*O Ana’ i Skevao*

[11] Nitolon-draha tsitantane am-pità’ i Paoly t’i Andriañahare, [12] ie nendeseñe boak’
an-tsandri’e ty sarimbo ndra masoara mb’ amo silokeo le nifiañe i hasilokey vaho
nifaok’ añe o angatseo.

[13] Aa le rinambe’ o Jiosy mirererere mpitrobo-angatseo ty fikaikaihañe i tahina’
Iesoày ambone’ o vinolevolen-kokolampao, ami’ty hoe: Lilie’ay rehe ami’ty tahina’
Iesoà tseize’ i Paoliy. [14] Nanao zay ka ty anadahy fito’ i Skeva, Jiosy, talèm-pisoroñe,
[15] aa le tinoi’ i anga-dratiy ty hoe: Fantako t’Iesoà, apotako i Paoly, fa ia v’inahareoo?

[16] Le niambotraha’ indaty niangara’ i kokolampaiy naho fonga ginore’e vaho rineba’e,
le nibotatsak’ amy anjombay iereo nibongibongy naho nitsiri-dio. [17] Kanao hene
naharendreke zay ndra Jiosy ndra Grika mpimoneñe Efesosy ao le nivotraha’ ty
eveñe, vaho nonjoneñe ty tahina’ IESOÀ TALÈ. [18] Aa le maro amo nahafiatoo ty
nimb’eo nisoloho, vaho namoraborake o sata’eo. [19] Natonto’ ty mpisikily maro ka
o boke’eo naho niforototoe’ iereo am-batraike. Ie vinolily, le nizoeñe te drakma lime
ale ty vili’ irezay. [20] Aa le nienatse an-kaozarañe ty tsara’ IEHOVÀ vaho nahareketse.
[21] Ie niheneke, le sinafiri’ i Paoly añ’arofo ty hiranga i Makedonia naho i Akaia
mb’e Ierosaleme añe; aa hoe re: Naho hirik’ añe le tsi-mahay tsy hitilike i Roma ka
raho. [22] Aa le nampihitrife’e mb’e Makedonia mb’eo ty mpitoro’e roe, i Timoty naho
i Erasto, ie nitambatse an-tane’ Asia ao heike.

*Ty Hotakotake e Efesosy ao*

[23] Ie amy zay, nipoñake ty fitrobotroboañe jabajaba ty amy Lalañey. [24] Teo ty
mpanefe vola foty atao Demetrio, mpamboatse hazomanga volafoty ho amy Artemise,
ze nampivangongo ty fitoloña’ o mpanefeo. [25] Kinoi’e hivory o mpitrao-tolon-drahao,
vaho hoe ty asa’e: O androanavio, fohi’ areo te o tolon-drahao ro mampiraorao an-
tika; [26] naho isa’ areo naho janji’ areo te tsy e Efesosy avao fa didý tsy mahatsi-
tsike i Asia ty fañosiha’ i Paoly i màroy hiamboho, ie manao te tsy ndrañahare ka o
satam-pitàñeo. [27] Aa tsy te i balibalin-tikañey avao ty ho mavoeñe, fa honjirañe ka
ty anjomban-drañahare-ampela Artemisey hampifotsak’ i fiambesam-bolonahe’ey ie
italahoa’ i Asia iaby naho ty voatse toy.
[28] Ie nahajanjiñe iereo, le nilifom-piforoforo vaho songa nikoràke ty hoe: Ra’elahy
t’i Artemise’ o nte Efesosio! [29] Aa le nitsitsike fivalitaboahañe i rovay, le nihitrihitry
hoe raike mb’an-tameañe ey, naho kinozozo’ iareo t’i Gaio naho i Aristarko nte-
Makedonia, mpitrao-lia amy Paoly. [30] Ho naneñateña amy fiharondembohañ’ ao t’i
Paoly fe tsy napo’ o mpiòkeo. [31] Nañitrik’ ama’e ka ty ila’ o bei’ i Asia rañe’eo, ty
tsy hitoaña’e i tameañey. [32] Aa le nikoràke hoe zao ty ila’e naho hoe zay ty ila’e
amy te nifamalitaboak’ i fivoriy vaho ninofi’ i màroy ty talim-pivoria’e. [33] Tamy
màroy ty nampibejañe i rahay amy Aleksandro le naronje’ o Jiosio mb’aolo mb’eo.
Aa le nanondrotondro fitàñe t’i Aleksandro hiveroke amo nivorio. [34] Fe naho nifohi’
i màroy t’ie Jiosy, le nirihòñe’ iereo an-tazataza añate’ ty roe ora ty hoe: Ra’elahy t’i
Artemise’ i Efesosy!
[35] Ie nampianjiñe i lahialeñey ty silikitera’ i rovay le hoe ty asa’e: Ry ondaty
nte Efesosio, Ia t’indaty tsy mahafohiñe te mpañambeñe ty anjomba’ i Artemise
ra’elahy nivotrak’ atoy boak’ andindiñ’ añe, ty rova’ o nte-Efesosio? [36] Aa kanao
tsy hay liereñe, le kitra’e hianjiñe nahareo tsy hanao ty hajagarigarìañe, [37] amy te
nasese’ areo mb’etoa ondaty tsy mpamaok’ anjomba miavake vaho tsy mpanivetive
an-drañahare-ampela-tikañey. [38] Aa naho te haneseke ondaty t’i Demetrio naho
o mpanao satam-pitàñeo, le misokake i zakay, vaho ao o sorotào, angao iereo
hifampaneseke. [39] Hera t’ie aman-draha hafa tea’ areo ho bentareñe, fe am-pivory
to ao ty ilaharañe. [40] Toe marivo ho sangieñe tika ty amy hotakotak’ anindroaniy,
ie tsy aman-taly hamolilia’ay ty fañotakotahañe toy. [41] Ie niheneke i saontsi’ey, le
naba’e añe i màroy.

# 20

*Mb’e Makedonia naho mb’e Grisia*

[1] Aa naho nijihetse i koràkey, le nampihitrife’ i Paoly mb’ ama’e o mpiòkeo naho
nifetrehe’e vaho nionjoñe mb’e Makedonia añe. [2] Nirangae’e o taneo, nañosike
ondatio an-tsara maro vaho nandoake e Grisia añe,

3 Nañialo telo volañe añe re. Aa naho nivoñoñ’ aze o Tehodao ie ho nijon-dakañe
mb’e Sirià mb’eo, le sinafiri’e ty hibalik’ am-pirangañe i Makedonia. 4 Nindre ama’e
t’i Sopatera ana’ i Pìro nte Berea naho i Aristarko naho i Sekondo nte Tesalonika
naho i Gaio nte Derbe, le i Timoty naho i Tikìko vaho i Trofimo nte-Asia. 5 Niaolo
anay iereo vaho nandiñe e Troasy ao. 6 Aa naho niheneke o andro-Mofo-po-dalivaio
le nijon-dakañe boak’e Filipy zahay; ie nimodo ty andro lime le nifanampe am’iereo
e Troasy ao vaho nitambats’ ao fito andro.

*Halen-Tsabate e Troasy*

7 Ie tsofotse ty andro’ i Sabotsey, ie fa nivory hamolake mofo o mpiòkeo, le nitaroñe
am’iereo t’i Paoly, fa satri’e ty hiavotse amy loak’ àndroy, aa le nitolom-pilañoñe
ampara’ te antets’ aleñe re. 8 Nimaro ty jiro am-batsa nivoria’ay ao, 9 le nitobok’
an-dalan-kede eo ty ajalahy atao Eotika naho nikonkoñe, aa ie tinohitohi’ i Paoly i
lañona’ey, le nilañake ty roro i ajalahiy naho nikapotrake intelo riha mb’an-tane
mb’eo vaho fola-manta te nongaheñe. 10 Nizotso mb’eo t’i Paoly nihohok’ amy
ajalahiy, ie nifihine’e, le hoe re, Ko hembañe, fa ama’e ty fiai’e! 11 Niañambone
indraike t’i Paoly namolake mofo naho nikama, le nitolom-pitaroñe ampara’ te
niporea ty maraindray vaho nienga. 12 Nindese’ iareo veloñe, am-panintsiñañe, i
ajalahiy.

*Mitata Ondaty nte Efesosio t’i Paoly*

13 Fa niaolo aze an-dakan-jahay, nionjoñe mb’e Aso mb’eo, hampijoñe i Paoly añe
amy namotoaña’ey, ie nañavelo am-pandia. 14 Aa ie nifanampe ama’ay e Aso ao, le
najo’ay vaho nitolom-b’e Mitilena mb’eo. 15 Nionjoñe boak’ao zahay le niporopotìtse
tandrife’ i Kio te loak’ àndro. Amy hamarai’ey ka le nivotrake e Samo, vaho nandoake
e Mileto añe amy loak’ àndroy. 16 Sinafiri’ i Paoly ty handrioñe i Efesosy tsy
handrìta’e andro maro e Asia ao, fa sinda te hañambeñe ty andro’ i Halimampoloy*
e Ierosaleme ao.

*Mifanaontsy amo nte-Efesosio t’i Paoly*

17 Nampihitrike Efesosy añe boak’e Mileto re, nikoike o beim-Pivorio. 18 Ie nitotsak’
ama’e, le hoe re: Fohi’ areo, boak’amy andro valoha’e nivotrahako Asia atoiy, ty
fivelomako ama’ areo ze hene sà nitraofan-tika rezay, 19 nitoroñe i Talè am-pirèhan-
troke naho ranomaso maro ndra te teo ty fitsohañe ahy amo fikinià’ o Tehodaoo;
20 tsy nitsikifotse tsy hitaroñako ze mete mañasoa, fe nanoro anahareo an-tameañe
vaho ki-anjomba-anjomba. 21 Nafèko amo Jiosio naho amo Grikao ty fisolohoañe
aman’Añahare naho ty fatokisañe Iesoà Talèntika Norizañey.
22 Ie henanekeo, oniño te mionjoñe mb’e Ierosaleme mb’eo an-troke mirohy le
nofiko o raha mete hizò ahy añe; 23 naho tsy te mañatahata ahy amy ze rova iaby i
Arofo Masiñey t’ie mandiñe rohy naho sarerake. 24 Fe tsy volilieko ho vara amako
ty fiaiko, hañenefako an-drebeke ty filaisako naho i fitoroñañe rinambeko am’ Iesoà
Talèy, t'ie mitaroñe i talili-soa’ o falalàn’ Añahareoy.
25 Inao, apotako henane zao te tsy hahaisake ty tareheko ka nahareo nindre amako
amy fitaroñako i fifeheañeiy. 26 Atalililiko ama’ areo androany, te malio tahin-draho
amy ze hene lio’ ondaty, 27 le tsy nifimpìñe tsy hitaroñe ama’ areo ze fonga famerean’
Añahare. 28 Mitaoa, naho itaò o mpirai-lia’e iabio, o nampiandraze’ i Arofo Masiñeio,
hamahana’ areo i Fivorin’ Añahare vinili’e amy lio’eiy. 29 Apotako te zaho fa nienga,
le hizilik’ ama’ areo ao o amboa romotseo† vaho tsy hapo’e i lia-raikey. 30 Toe hiboak’
ama’ areo ty ‘ndaty hiongake naho hivolan-kamengohañe, hanintake ty mpiòke ho

---

* **20:16** Sor 23:10-21 † **20:29** Mat 7:15-23, 10:16, Lke 10:3, Jao 10:12

am’iereo. [31] Aa le mitomira! naho mitiahia te nañeneke ty telo taoñe raho tsy
nitroatse namere anahareo haleñe naho handro an-dranomaso.
[32] Aa ie henaneo, tolorako aman’ Añahare naho ami’ty Tsara’ i hasoa’ey, ie ty
mahatomambao anahareo, hanolotse anjara lova amy ze hene ondaty navaheñe.
[33] Tsy eo ty nikirañako volafoty ndra volamena ndra sarimbo. [34] Toe fohi’ areo te
nañeneke o nipaiakoo naho o nitraok’ amakoo o tañako retoa. [35] Fa nitoroako amy
ze he’e amy fifanehafañe zay, ty hañimbà’ areo o malemeo, ie mitiahy ty tsara’ i TALÈ
IESOÀ manao ty hoe:
Haha ty manjotso ta ty mandrambe.
[36] Ie niheneke i saontsi’ey, le nitongaleke vaho nitrao-pilolok’ am’iereo iaby.
[37] Sindre nirovetse, namontititse ty fititia’e naho nañondrok’ aze. [38] Loho nampi-
hontoke iareo i tsara nanoe’e te tsy ho isa’ iereo ka i lahara’eiy; le nasese’ iereo mb’
an-dakañe mb’eo.

# 21

### *Mañavelo mb’e Ierosaleme*

[1] Ie nifamitsok’ am’iereo, le nijon-dakañe naho niranga mb’e Kosy naho mb’e Rodo
amy loak’ àndroy, boak’ao le nimb’e Patara añe, [2] naho nahtendreke lakañe hitsake
mb’e Foenika mb’eo zahay le nijoñe vaho nionjoñe an-day. [3] Ie nahatalake i Kiprosy
le nenga’ay am-pitàn-kavia, le nionjoñe mb’e Sirià vaho toly e Tirò eo, hanjotsoa’ i
lakañey i kilanka’e. [4] Nitsoehe’ay o mpiòkeo, le nañialo am’iereo ao fito andro, ie
nitolom-panohiñe i Paoly añamy Arofoy ty tsy hionjoñe mb’e Ierosaleme añe.
[5] Aa ie niheneke o andro’aio, le nionjoñe vaho nanonjohy i lia’aiy. Nanese anay ze
hene mpiama’e reke-baly naho anake ampara’ te nienga i rovay naho nitongalek’ añ’
olon-driake eo niloloke. [6] Ie nifanolo-pañanintsiñe, le nijon-dakañe, vaho nimpoly
iereo.
[7] Ie nihenefa’ay i lia boak’e Tiròy le avy e Tolemaia, naho nifañontane amo
mpiama’eo vaho niambahiny am’iereo andro raike. [8] Nionjoñe amy maraiñey zahay
le nandoake e Kaisaria naho nizilik’ añ’anjomba’ i Filipo Mpitaroñe, mpiamy fito rey,
vaho nañialo ama’e. [9] Efatse ty anak’ ampela’e somondrara, songa mpitoky.
[10] Ie nandrare tobok’ andro maro ao, le nizotso hirik’e Iehodà añe ty mpitoky atao
Agabo, [11] niheo mb’ama’ay mb’eo, nandrambe ty fiètse’ i Paoly le nandrohy o fità’eo
naho o fandia’eo vaho nanao ty hoe: Hoe ty tsara’ i Arofo Masiñey: Hambañe
amy zao ty handrohiza’ o Jiosy e Ierosalemeo ty tompo’ ty fiètse toy, haneseañ’
aze am-pità’ o kilakila ondatio. [12] Ie jinanji’ay, le nihalaly amy Paoly, zahay naho
ondati’ i toetseio, ty tsy hionjoñe mb’e Ierosaleme añe. [13] Aa hoe ty natoi’ i Paoly:
Inoñ’ o iroveta’ areo hampikoretse ty trokoo? Tsy t’ie ho vahoreñe avao, fa toe
veka’e hikenkañe e Ierosaleme ao ty amy tahina’ IESOÀ TALÈY. [14] Kanao tsy lefe
nampiantofan-dre, le nado’ay ami’ty hoe: Ty satri’ i TALÈ ro hanoeñe.
[15] Añe i andro rezay, le nañalankañe zahay vaho nionjomb’e Ierosaleme mb’ eo.
[16] Nindre ama’ay ty ila’ o mpiòke e Kaisariao, le nendese’ iereo mb’amy nte-Kiprosy
atao Menasona, mpiòke hatrela’e, hañialoa’ay ama’e.

### *E Ierosaleme ao*

[17] Ie nandoake e Ierosaleme ao, le rinambe’ o roahalahio antalatala-saba, [18] amy
loakandroy le niheo mb’ am’ Iakobe t’i Paoly naho zahay, vaho tao iaby o beio.
[19] Nifañontane am’ iereo re vaho hene natalili’e kiraikiraike o raha nanoen’
Añahare añivo’ o kilakila ‘ndatio amy fitoroña’eio. [20] Ie jinanji’ iereo, le nandrenge
an’Andrianañahare vaho nanoa’ iareo ty hoe: O rahalahio, henteo te añ’aleale o
Jiosy mpiatoo, songa mahimbañe an-Kake. [21] Toe nampandrendreheñe am’iereo te
ihe mañòke ze fonga Jiosy añivo’ o kilakila’ ndatio ty hamorintseñe i Mosè, naho

manoro te tsy ho savareñe ty ana’ iareo vaho tsy horiheñe o lilitseo. 22 Inoñ’ arè ty
hatao? amy te tsi-mete tsy ho janjiñe t’ie pok’eo, 23 aa le anò ze hatoro’ay azo: Ama’ay
atoañe t’indaty efatse fehè’ ty fanta. 24 Endeso i lahilahy rey le itraofo fañeferam-
batañe le avaho ty fañè’ iareo amy fiharatañe añamboney; vaho hene hahafohiñe te
tsy amam-bente’e i nampahafohineñe azo iareo, f’ie toe mañavelo an-kavantañañe
vaho mifahatse’ amy Hàke. 25 Aa naho o kilakila ondaty mpiatoo, fa nisokira’ay
ty safiri’ay te hifoneña’ iareo ze nisoroñañe an-kazomanga, naho ty lio, naho ze
nidageañeñe, vaho ze hakarapiloañe*.
26 Aa le rinambe’ i Paoly indaty rey, ie maraindray le nindre niefetse vaho nizilik’
añ’anjomban’ Añahare ao nitaroñe te heneke o androm-piefera’ iareoo ampara’ te
songa añengàñe soroñe.

*Nigoreñe t’i Paoly*

27 Aa ie ho nigadoñe i fito àndro rey, le natrabi’ o Jiosy nte-Asia nahaisake iareo
añ’anjomban’ Añahareo i màroy, hitsepak’ aze, 28 ami’ty koike ty hoe: Ry ‘ndaty
nte Israeleo, oloro! Intoy t’indaty mañòke sikal’ aia sikal’ aia ty handietse ondatin-
tikañeo naho i Hake vaho ty toetse toy, mbore nampizilihe’e amy anjombay o nte-
Grikao le naniva ty toetse-miavake toy. 29 (Ie niisa’ iereo an-drova ao nindre amy
Trofimo nte Efesosy, naho sinafiri’ iereo te nendese’ i Paoly añ’anjomban’ Añahare
ao.)
30 Le nivalitsikotake iaby i rovay, naho niropake mb’eo ondatio nitsepak’ i Paoly
naho kinororò’ iereo mb’alafe’ i anjomban’ Añaharey vaho vinarindriñe o lalam-
beio. 31 Ie nimanea’ iareo havetrake le nahatakatse i talèm-pirai-lian-dahin-defoñey,
te nifandrakaraka iaby t’Ierosaleme; 32 aa le ninday lahindefoñe miharo mpifele-
jato amy zao re nitsondemboke te nizotso, nisorogoda mb’am’iareo ao. Ie zoe’ i
màroy i talè mandroron-dahin-defon-katsaorañe, le napo’ iareo ty fikobokobohañ’ i
Paoly. 33 Loneake eo i talèy nigore aze, le linili’e t’ie ho vahorañe an-tsilisily roe,
vaho hinerehere’e te ia, naho ze nanoe’e. 34 Le hirik’ amy màroy ty nitazataza izay,
naho ty nikontsiañ’ izao; aa kanao tsy haharendreke ty to amy fitabohazakey, le
nampanase’e mb’ añ’ akibam-piosoñañ’ ao. 35 Ie pok’ am-panongañe eo, le nonjone’
o lahin-defoñeo an-tsoroke re ty amy haandoviaha’ i lahialeñeiy, 36 amy t’ie norihe’
i màroy nikoiake ty hoe: Aseseo!

*Ty Fiveroha’ i Paoly*

37 Ie ho nazili’ o lahin-defoñeo añ’ anjomba ao t’i Paoly le hoe re amy talèy: Te
hivolañe ama’o raho? Aa hoe re: Mahay Grika v’iheo? 38 Tsy ihe hao i nte-Egipte
nañoràke fakomale-bey, ninday ‘ndaty mpamono efats’ arivo mb’ an-dratraratra
añey? 39 Hoe t’i Paoly: Jiosy raho, nte Tarsosy e Kilkia añe, tan-drova tsy atao tsotra.
Ehe, apoho hitaroñe am’ ondatio. 40 Nimea’e lily, le nijohañe amy fanongañey t’i
Paoly nanondrotondro am’ondatio am-pitàñe, le nianjiñe do’e iereo vaho nilañona’e
an-tsaontsy Hebreo† ty hoe,

# 22

1 Ry aba naho roahalahio, janjiño hey o fiverokoo: 2 Ie jinanji’ iereo te nisaontsy
am-pameleke Hebreo, le antsake te nianjiñe. Hoe re: 3 Jiosy raho, nitoly e Tarsosy
e Kilkia añe, f’ie nibeizeñe an-drova atoy am-pandia’ i Gamaliela naho nanareñe
an-tsata to’ i Han-droae naho nahimbañe aman’ Añahare hambañe ama’ areo iaby
androany. 4 Nampisoañeko pak’ am-pihomahañe i Lalañey; narohiko vaho nasioko
am-porozò ao ndra lahilahy ndra ampela. 5 Valolombeloñ’ amy zay i talèm-pisoroñey
naho i firimboñan-droandriañey, boak’ am’ iereo ty nandrambesako taratasy ho a o

* **21:25** Oni Top 15:20 † **21:40** Top 21:40, 26:14

rahalahio; vaho nionjoñe mb’e Damaskose hinday o añeo mirohy mb’e Ierosaleme
mb’etoa ho liloveñe.
6 Fe nizoeñe amy liako mb’eoy, ie nañarine i Damaskose te tsipinde-mena, te nivovò
boak’ andindìñey ty hazavàñe nireandreañe añariseho ahy. 7 Nikorovok’ an-tane
raho vaho nahatsanoñe ty fiarañanañañe nanao amako ty hoe, Saole! Saole! Akore
te anoa’o samporerak’ ahy? 8 Ia v’iheo, Rañandria? hoe raho. Le hoe re amako,
Zaho Iesoà nte Nazareta ampisoañe’oy. 9 Toe nahaisake i hazavàñey o amakoo, f’ie
tsy nahaoniñe i fiarañanañañe nisaontsy amakoy. 10 Ino ty hataoko, Rañandria? hoe
ty asako. Miongaha, hoe t’i Talè amako, Le migodaña mb’e Damaskose ao vaho ho
saontsieñe ama’o ze he’e tinendre hanoe’o. 11 Aa ie nigoa’ ty fireandrea’ i hazavàñey,
le kinozozò’ o nindre lia amakoo an-tañako vaho nimoake e Damaskose ao. 12 Teo
ty atao Ananiasy*, ondaty vañoñe, aman-Kake, niasia’ ze kila Jiosy mpimoneñe
ao. 13 Niheo mb’ amako re nijohañe añ’ ilako eo, le nanoa’e ty hoe : O rahalahy,
Saole, mahaisaha! Le niandra raho nahatrea aze amy oray avao. 14 Le hoe re:
Jinobon’ Añaharen-droaen-tika† rehe hahafohiñe ty satrin’ arofo’e naho hahaisake
i Vantañey vaho hahajanjiñe i fiarañanañam-palie’ey. 15 Ho valolombelo’e amy ze
kila ondaty rehe, ty amo nioni’o naho jinanji’oo. 16 Inoñe arè o liñisa’oo? Miongaha,
le halipotse, hanasañe o hakeo’oo am-pikanjiañe i tahina’ey. 17 Ie nibalike mb’e
Ierosaleme mb’eo naho nitalaho añ’ anjomban’ Añahare ao, le niaroñaroñe, 18 vaho
nitreako re nitsara ty hoe amako: Malisà! Akia akaro aniany t’Ierosaleme, fa tsy
ho rambese’ iereo ty fitalilia’o ahy. 19 O Talè, hoe raho, Fohi’ iereo te amy ze hene
fitontonañe, zaho ty nandrohy naho namofoke ze niato ama’o. 20 Le ie niorike ty lio’ i
Stefana valolombelo’o, nisamba ey ka raho niantoke i fihomaha’ey vaho nañambeñe
ty sarimbo’ o namono azeo. 21 Aa le hoe re tamako,
Miengà; fa hiraheko mb’ amo kilakila ondatio añe.

*Nte Roma t’i Paoly*

22 Ie nahatsendreñe aze pak’ amy tsara zay le nipoña-peo nanao ty hoe: Faoho an-
tane atoy ty itrotse tia! fa tsy mañeva ho veloñe! 23 Nikorake naho nañafa-tsaroñe
iereo, nampibobò lembok’ amy tiokey; 24 le linili’ i talè t‘ie hagodrañ’ añ’akiba ao
naho alohizan-karavantsy haharendrehañe ty talim-pikoraha’ iareo.
25 Ie natsalalampa’ iereo an-drohy, le hoe t’i Paoly amy mpifele-jato nijohañey,
Aman-dily hao rehe hamiake ty nte-Roma tsy nafàtse? 26 Ie jinanji’ i mpifehe zatoy
le nimbeo nitalily amy talèy, ty hoe: Ino o anoa’oo? nte-Roma i lahilahiy! 27 Aa
le niheo mb’eo ty talè nañontane aze ty hoe: Isaontsio, nte-Roma v’iheo? Eka, hoe
ty asa’e. 28 Le hoe i talèy, Viniliko drala maro i fidadàñe zay. Le hoe t’i Paoly:
Niterahako. 29 Aa le nisitak’ aze amy zao o ho nañody azeo. Nihembañe ka i talèy ie
naharendreke te nandrohy ty nte-Roma.

*Añatrefa’ i Sinedrionay*

30 Amy loak’ àndroy, ie te hamotopototse soa ty sisì’ o Tehodao aze, le hinaha’e amo
rohi’eo vaho linili’e hivory o beim-pisoroñeo naho i Sinedriona iabiy; naho nazotso’e
mb’eo t’i Paoly vaho najoha’e añatrefa’ iareo.

# 23

1 Nitalatse amy Sinedrionay t’i Paoly, nanao ty hoe: Ry roahalahiko, fa mpiaiñe an-
kazavan-troke añatrefan’ Añahare raho ampara’ ty andro toy. 2 Aa le linili’ i Ananiasy
mpisorom-bey o narine azeo ty hitampify aze am-palie’e. 3 Le hoe t’i Paoly ama’e:
Ho tampifien’ Añahare rehe, ty rìndri-foty tia. Ihe miambesatse ey handily ahy amy
Hake te mone mañota Hake amy nandilia’o ho tampifieñey. 4 Hoe ty asa’ o narineo:

* **22:12** Oni Top 9:10,17 † **22:14** Avo 3:15

Mañondritse i talèm-pisoron’ Añaharey v’iheo? 5 Aa hoe t’i Paoly, Ry rahalahio, tsy
nirendreko t’ie talèm-pisoroñe, fa pinatetse ty hoe:
Ko injè’o ty mpifehe ondati’oo.*

6 Ie nifohi’ i Paoly te Tsadoke ty ila’ iareo vaho Fariseo ty ila’e, le hoe ty koi’e amy
fivoriy: Ry roahalahio, Fariseo raho, ana’ ty Fariseo. Mijohañ’ etoan-draho hizakañe
amy fitamañe te hitroatse o mihomakeo. 7 Amy fipaza’ey, le nifanointoiñe o Fariseoo
naho o Tsadokeo vaho nifanarake i fivoriy. 8 (Liere’ o Tsadokeo ty fivañonam-beloñe,
naho anjely, vaho arofo, f’ie fonga ifahara’ o Fariseoo.) 9 Nipoñak’ amy zao ty
hozakozake, le niongake vaho nimanea’ ty Fariseo mpañoke Hake lietse ami’ty hoe:
Tsy oni’ay ty hila’ ondatio. Ke tsinara’ ty fañahy he ty anjely?

10 Niindra i hotakotakey, le nihakahaka i talè, hera ho rifodrifoteñe t’i Paoly, le
linili’e o lahin-defo’eo ty hizotso mb’eo hanintak’ aze an-kaozarañe, hampoly aze
mb’añ’akiba añe.

### *Nikilily Hañè-doza ama’e*

11 Ie haleñe, le nijohañe añ’ila’eo t’i Talè nanao ty hoe: Mireareà! Fa hambañe
ami’ty nitaroña’o ahy e Ierosaleme ao, ty ho taroñe’o e Roma añe.

12 Amy loak’ àndroy le nifañosoñe hikitrok’ aze o Tehodao, nifamehe am-panta te
tsy hikama ndra hinoñe ampara’ te havetra’ iareo t’i Paoly. 13 Mandikoatse ty efa-
polo i nikilily rey. 14 Niheo mb’ amo beim-pisoroñeo naho o roaeo iereo nanao ty
hoe: Nifamehe am-panta mijadoñe zahay te tsy hitsope-draha ampara’ te vonoe’ay
t’i Paoly. 15 Ie amy zao, ry amo Sinedrionaio, Ehe mihalalia amy talèy ty hanjotsoañe
aze ama’ areo mintse hamotopotorañe aze, fa veka’e hanjevoñ’ aze zahay aolo’ t’ie
mitotoke.

16 Fe tsinano’ ty ana-drahavave’ i Paoly i famandroñañey le nimb’eo nizilik’
añ’anjomba’ o lahin-defoñeo nitalily amy Paoly. 17 Kinanji’ i Paoly ty mpifehe zato,
le hoe re: Endeso mb’amy talè ao ty ajalahy toy, fa aman-ko volañe’e. 18 Aa le
nente’e naho nasese amy talèy, nanao ty hoe: Nitok’ ahy t’i Paoly mpirohy, nihalaly
te hendeseñe ama’o ty ajalahy toy fa aman’ entañe.

19 Rinambe’ i talèy an-taña’e i ajalahiy le natola’e vaho nañontanea’e ty hoe: Ino
ty enta’o ho ahiko? 20 Hoe re: Fa nilahatse hihalaly ama’o o Tehodao ty haneseañe
i Paoly mb’amy fivoriy ao hamaray, hanao sare hañotsohotso aze. 21 Ko no’o, amy
te amandroña’ ty mandako ty efa-polo nifanta te tsy hikama ndra hinoñe ampara’
t’ie vinono; fa veka’e henaneo iereo, mandiñe ty fampitamà’o. 22 Aa le napo’ i talèy
hiavotse i ajalahiy, ie fa nitoroa’e ty hoe: Ko mivolañe ama’ iaia i nitalilie’oy.

### *Nampihitrifeñe mb’aman-dRagova*

23 Kinanji’e ty mpifehe zato roe le natà’e ty hoe: Añajario lahin-defo roan-jato
hikatsakatsake mb’e Kaisaria añe, naho mpiningi-tsoavala fitom-polo vaho mpitàm-
pìletse roan-jato amy ora faha-telo’ i haleñeiy. 24 Toloro soavala hiningira’ i Paoly, le
aseseo mb’am-pitsolohañe amy Ragova Feliksa añe.

25 Nanokira’e taratasy hoe zao:

26 Klaodio Lisia: Ho an-dRagova Feliksa, foloaingitroke, Fañanintsiñe! 27 Ingo
t’indaty tsinepa’ o Tehodao, le didý tsy ho vinono’ iereo, f’ie nivotrake eo reketse
lahin-defoñe nandrombak’ aze, ie nirendreko te nte-Roma. 28 Aa zaho te hahafohiñe
ty talin-kitomboha’ iareo aze, le naseseko mb’amy Sinedriona’ iareoy, 29 fe nizoeko
te ontane amo lili’ iareoo ty nanisíañe aze, le tsy amo sisì’eo ty mañeva hamonoañe
ndra handrohizañe aze. 30 Ie nampaharendreheñe te nikililieñe indatiy, le nahitriko
mb’ama’o mb’eo amy zao, vaho liniliko o mpanisý azeo te haseseke añatrefa’o ty
talin-tsisì’ iareo.

* **23:5** Avo 22:28

31 Aa ie namantohañe, le nendese' o lahin-defoñeo t'i Paoly naho nasese mb'e
Antipatria mb'eo amy haleñey. 32 Amy loak' àndroy le nampindrezeñe ama'e o
mpiningi-tsoavalao vaho nimpoly mb'an-tobe mb'eo ty ila'e. 33 Ie nipotìtse e Kaisaria
añe, le natolotse amy Ragovay i taratasiy le nasese ama'e ka t'i Paoly. 34 Vinaki' i
ragovay i taratasiy vaho nañontanea'e ty faritse nihirifa'e. Ie rendre'e te nte Kilkia,
35 le hoe re: Hitsanoñako naho avy o mpanisý azoo, le linili'e te hambenañe añ'
anjombam-pizakà' i Heroda ao.

# 24

*Zaka añatrefa' i Feliksa e Kaisaria ao*

1 Ie lime andro añe, nizotso mb'e Kaisaria mb'eo t'i Ananiasy mpisorom-bey
naho ty ila' o roaeo vaho ty ondati-aivo atao Tertilo, le nasesek' amy Ragovay
ty sisì' iareo amy Paoly. 2 Ie tinoka, le niorote' i Tertilo seseke, ami'ty hoe:
Oniñe te ihe ro ierañeraña'ay an-kanintsiñe, naho mihafonitse ty fañavaoañe ty
fifeheañe toy ty amo falalà'oo, 3 le no'ay an-tsata'e iaby sikal'aia sikal'aia, ry Feliksa,
am-pañandriañañe mandigiligy. 4 Fe tsy mone hahamokorako, le ihalaliako ty
hiferenaiña'o hijanjiñe o enta'ay tsy ampeo. 5 Rendre'ay t'ie mpitrobo o lahilahio
naho mampiola ze fonga Jiosy an-tane atoy, mbore mpifehe amy firimboñan-te-
Nazaretay; 6 aa ie nimane haniva i anjomban' Añaharey, le tsinepa'ay ie ho nizaka
aze amy lili'aiy. 7 Fe nivotrak'eo t'i Lisiose mpizaka, le am-piaroteñe ty nitavana'e an-
taña'ay, naho nampihitrife'e mb'ama'o atoy, 8 vaho linili'e hiatrek'azo o mpanesek'
azeo. Ie mahatsikarake rehe, le ho oni'o ty hatò' o anesefa'ay azeo. 9 Ninò' o Tehodao
i taroñe zay le sinaontsi' iereo te hene to.

*Ty Fivero' i Paoly Añatrefa' i Feliksa eo*

10 Ie tinondro' i Ragovay t'i Paoly hisaontsy, le hoe ty natoi'e: Fohiñe te maro taoñe
ty nizakà'o ami'ty fifeheañe toy le mahaehak' ahy ty manoiñe ty amako. 11 Mora ho
azo ty hahaoniñe te folo-ro'amby andro zay ty nionjonako mb'e Ierosaleme mb'eo
hitalaho. 12 Toe tsy nioni' iereo nifandietse aman-dra iaia raho, tsy nitrobo i màroy
ndra añ' anjomban' Añahare, ndra am-pitontonañ' ao ndra an-drova ao. 13 Tsy eo
ka ty hamenteañe o tiñe anisìa' iareo ahy henaneo. 14 Fe zao ty talilako ama'o te i
Làlañe atao' iereo firimboñañey ro itoroñako an' Andrianañaharen-droae'ay* am-
patokisako ze hene milahatse amy Hake naho misokitse amo Mpitokio, 15 le mitamà
an' Andrianañahare, ze toe salalae' iareo ka, te toe eo ty fivañonañe amy havilasiy
ho a o vañoñeo naho ho a o tsereheñeo. 16 Le zay ty imaneako lomoñandro t'ie ho
aman-troke mazava tsy aman-dilatse aman' Añahare naho ama' ondaty. 17 Ie naha-
ritse taoñe maromaro añe, le nibalike mb'etoa raho ninday falalàñe ho an-drofokoko
naho hañenga. 18 Zay ty nanoeko amy anjomban' Añaharey te nizoe' iereo, ie fa
nañefe-batañe, tsy an-dahialeñe tsy an-kotakotake, fe teo o Jiosy nte-Asiao; 19 nisoa
t'ie niatrek' azo etoañe, haneseke, naho toe anaña'e hakeo. 20 Naho tsy zay, ee te
ho talilie' ondaty retiañe ze hakeo nioni' iereo amako amy nijohañako añatrefa' i
Sinedrionaiy, 21 naho tsy i raha raike nikoiheko te nijohañ' añ´atrefa'ey ami'ty hoe:
Ty fitroaran-kavilasy ro izakañe ahy miatrek' anahareo henaneo.

22 Fe i Feliksa, ie nahafohiñe soa o raha mioza amy Làlañey ro nampandiñe iereo
ami'ty hoe: Ie mizotso mb'etoa t'i Lisia, talè, le ho rendreko soa ty ama'o. 23 Le linili'e
ty mpifehe zato ty hiambeñe aze fe nado'e hidada, mbore tsy nirarà'e hiatrak' aze o
rañe'eo.

*I Paoly Am-Balabey Ao*

* **24:14** Avo 3:15

[24] Ie añe ty andro tsy ampeampe, le totsak'eo ty Feliksa naho i Drosilae vali'e,
Jiosy. Nampikanjieñe t'i Paoly vaho nijanjiña' iereo ty fatokisañe IESOÀ Norizañeiy.
[25] Aa ie nañoke ty havantañañe naho ty filieram-batañe naho ty zaka ho avy le
nihondrahondra t'i Feliksa nanao ty hoe: Akia hey rehe, le ho tokaveko an-tsa mete.
[26] Nitamà'e ka te ho mea' i Paoly drala, aa le nipaia'e beteke hifanaontsia'e.
[27] Ie re nitampetse ty roe taoñe, le nandimbe i Feliksa t'i Porsio Festosy, fa te
hañosikosike o Tehodao ty Feliksa, le nenga'e mirohy ao t'i Paoly.

# 25

*Mihalaly Zaka amy Mpanjakabey*

[1] Ie fa telo andro te niavy amy faritsey t'i Festosy, le nionjoñe hirik'e Kaisaria
mb'e Ierosaleme mb'eo, [2] naho naneseke i Paoly ty talèm-pisoroñe naho ty bei' o
Jiosio, nanigike aze [3] hañisoke iareo ty ama'e, hañitrifa'e mb'e Ierosaleme mb'eo,
(ie ho vandroñe' iareo an-dalañe ey hamono aze). [4] Aa le hoe ty natoi' i Festosy:
Hambenañe e Kaisaria añe avao t'i Paoly, fa hionjom-beo aniany ka raho. [5] Aa le
ampindrezo amako ze mete ama' areo hizotso mb'eo, hanisy indatiy naho toe aman-
kakeo.
[6] Nitambatse am'iereo re tsy ampe folo ndra valo andro, le nizotso mb'e Kaisaria
mb'eo; ie loakandro le niambesatse amy fiambesam-pizakañey, vaho linili'e te hasese
t'i Paoly. [7] Ie tsatoke t'i Paoly le niarikoboña' o Jiosy nizotso boak'e Ierosalemeo, naho
maro naho raty ty sisý nanoe'e, fe tsy nahaventeañe. [8] Le hoe ty niveroha' i Paoly:
Tsy aman-tahin-dra raike raho ke amy Hake tana' o Tehodaoy he amy anjomban'
Añaharey, he amy Kaisara.
[9] Aa ie te hañosikosike o Tehodao t'i Festosy, le hoe re amy Paoly: Mete'o hao ty
hionjoñe mb'e Ierosaleme mb'eo hiatre-jaka amy sisý rezay? [10] Hoe ty natoi' i Paoly:
Aolom-piambesam-pizakà' i Kaisara ty ijohañako, zay o mañeva ahy ho zakaeñeo.
Tsy anaña' o Tehodao hakeo, toe fohi'o. [11] Aa naho mpandilatse raho, hera nanao
ze mañeva hahafate ahy, le tsy liereko ty hikenkañe. F'ie tsy aman-katò' o anisìa'
ondaty reo ahio, le tsy eo ty mahafanese ahy am'iereo. I Kaisara ro ikoihako! [12] Ie
nisafiry amo vavea'eo t'i Festosy, le hoe ty asa'e: Kanao nikaihe'o t'i Kaisara. Le i
Kaisara ty handenà'o!

*Misafiry amy Mpanjakay t'i Festosy*

[13] Ie modo ty andro tsy ampeampe, le niheo mb'e Kaisaria mb'eo t'i Agripa
Mpanjaka naho i Berenikae vali'e hifañontane amy Festosy. [14] Aa ie nitambatse ao
andro maro, le nitaròñe' i Festosy amy mpanjakay i Paoly. Hoe re: Ao t'indaty napo' i
Feliksa an-drohy. [15] Aa izaho te Ierosaleme añe, le ninday sisý o mpisorom-beio naho
o bein-Tehodao, nipay ahy hañozoñ' aze. [16] Tinoiko am'iereo te tsy sata' o nte-Romao
ty haneseke ondaty aolo' te nifañatrek' amo mpanisý azeo i tinombokey, amy t'ie
aman-jo hiveroke amo anisìañe azeo. [17] Aa ie nimb' etoañe le tsy nandiñe raho fa
nitobok' amy fiambesam-pizakàñey amy loak' àndroy vaho liniliko te hampiatrefeñe
etoañe indatiy. [18] Ie niongake hiatrefa' o mpanisìo, le tsy o sata raty nataoko ho
nanisiañ' azeo, [19] fa toe fifandierañe amo fitalahoa' iareoo naho indaty nihomak'
atao IESOÀ volañe' i Paoly te veloñey. [20] Aa ie nataoko te tsy hahafisafiry izay; le
nañontaneako ke t'ie mete hañavelo mb'e Ierosaleme mb'eo hiatre-jaka amy sisý
zay. [21] Fe ami'ty nihalalia' i Paoly te handiñy ty fijanjiña' i Kaisara, le liniliko t'ie
ho tànañe ampara' te haseseko mb' amy Kaisara añe. [22] Aa le hoe t'i Agripa amy
Festosy: Te hahatsanoñe indatiy ka raho. Tinoi'e ty hoe: Ho janjiñe'o hamaray.

*Paoly Añatrefa' i Agripa*

[23] Ie loak’ andro, avy eo t’i Agripa naho i Berenikae am-bolonahetse abo, le nizilik’
añ’anjombam-pizakàñe ao mindre amo mpifeheo naho am’ondaty bei’ i rovaio, vaho
nasese mb’eo t’i Paoly ami’ty lili’ i Festosy. [24] Hoe t’i Festosy: Ry Agripa mpanjaka
naho ry roandriañe mindre mivory etoañ’ iabio, hehe ondatio! i nampiatrefa’ ty
valobohò’ o Jiosy e Ierosaleme añe naho e Kaisaria etoañeo amako, i nikoraheñe
te tsy mañeva ho veloñey. [25] Ty nitreako, le t’ie tsy nanao inoñ’ inoñe hañeva
aze havetrake, fe amy t’e nipay zaka amy Kaisara re, le sinafiriko t’ie hasese mb’e
Roma añe. [26] Fe tsy amam-bente’e ama’e raho hanokirako amy talèkoy. Aa le zay ty
naneseako aze añatrefa’ areo etoañe, somandrak’ aolo’o etoa ry Agripa mpanjaka,
soa te, ie tampetse ty fañotsohotsoañe toy le hanan-ko sokireko, [27] fe ataoko ho tsy
fañeva’e ty aneseañe ty mpirohy naho tsy talilieñe hey ty anesehañe aze.

## 26

[1] Le hoe t’i Agripa amy Paoly: Mahazo miveroke rehe. Natondro’ i Paoly ty fità’e
vaho naniom-batañe ami’ty hoe: [2] Ry Agripa mpanjaka, ataoko te nisohen-draho
t’ie añatrefa’o ethane henaneo, hitaroñe ze fonga sisý nanoe’ o Tehodao amako,
[3] mentsake te fohi’o soa ze hene lilitse naho fifandiera’ o nte-Iehodao. Aa le mihalaly
ama’o ty hijanjiñe ahy am-pahaliñisañe.
[4] Ie amy zao, fohi’ o Jiosy iabio ty satam-piaiñako boak’ ami’ty naha-ajaja ahy,
ndra an-taneko añe, ndra e Ierosaleme ao. [5] Aa kanao nahafohiñe ahy haehae iereo,
naho nisatrie’ iereo ty hitaroñe, le i firimboñam-pitalahoañe fatra-pirekets’ ami’ty
hatòy, o Fariseoo, ty ni-satan-kaveloko. [6] Ie henaneo, ty fitamàko i tsinaran’ Añahare
aman-droaentikañey ro ijohañako an-jaka etoañe. [7] Zay ty itoloña’ i fifokoañe folo-
ro’ ambin-tika rey handro an-kaleñe an-kahimbañañe aman’ Añahare. I fitamañe
zay, ry Mpanjaka, ty anoa’ o Tehodao kitombok’ ahiko. [8] Akore ty atao’ areo te tsy
mete iantofañe ty fampitroaran’ Añahare o havilasio?
[9] Toe nitsakoreako ka te tsi-mahay tsy hanoeko ze handierako amy tahina’ Iesoà nte
Nazareta. [10] Le zay ty nanoeko e Ierosaleme ao, ie nandrambe lily amo mpisorom-
beio, le najoko am-porozò ao ty maro amo noro’eo, vaho ie nañohofan-doza, zaho
ty ninday talin-tsara hanesehañe iareo. [11] Beteke nililoveko amo fitontona’ iareo
iabio naho nilozoheko ty hampiteratera iareo; vaho an-kabosehañe mandoviake ty
nañoridañako mb’an-drova ambahiny añe.

### *Ty Nahampiato i Paoly*

[12] Ie amy zao, nimb’e Damaskose mb’eo raho ami’ty lily naho haozara’ o mpisorom-
beio. [13] Ie nitsipinde-mena amy liay, ry Mpanjaka, le nitreako ty hazavàñe boak’
andindìñe ey ambone’ ty fireandrea’ i àndroy nipisañe añarisehoañe ahy naho amo
mpindre lia amakoo. [14] Nideboñe an-tane iaby zahay le tsinanoko ty fiarañanañañe
nitsara amako an-tsaontsy Hebreo, ty hoe: Saole, Saole, akore ty añinjaha’o ahy?
Sarotse ama’o ty mikambia i tsatokey. [15] Le hoe raho: Ia v’iheo Talè? Zaho
Iesoà ampisoañe’oy, hoe t’i Talè. [16] Mitroara arè, miongaha am-pandia. Inao ty
talim-piboahako ama’o, ty hanendreako azo ho mpitoroñe naho valolombeloñe amo
nahaoniña’o ahio vaho amo mbe haboako ama’oo, [17] le ho rombaheko am’ondatio
naho amo kilakila ondaty añirahako azoo, [18] hanokafañe ty fihaino’ iareo, hitolike
amy ieñey mb’an-kazavàñe*, naho amy fifehea’ i mpañìnjeiy mb’ aman’ Añahare,
hahazoa’ iareo fañahan-kakeo vaho lova amo nampiavaheñe ami’ty fatokisañe ahio.

### *Mitalily ty amy Fitseiza’e*

[19] Ie amy zao, ry Agripa mpanjaka, tsy nizehareko i fañentoan-dindìñey, [20] fa
nitaroñeko hey o e Damaskoseo le e Ierosaleme añe naho nanitsik’ an-tane Iehodà,

* **26:18** Ies 42:6-7, 60:2-3, Ben 21:24

vaho nimb’ amo kilakila ondatio, soa t’ie hibaboke naho hitolik’ aman’ Añahare vaho
hitoloñe mañeva soloho†.
21 Ie ty talim-pitsepaha’ o Tehodao ahy tañ’ anjomban’ Añahare ao naho ty fimanea’
iareo hañè-doza amako. 22 Ie amy zao, amy fañoloran’ Añahare ahy le mitoloñe
pake henane, mitalily ami’ty kede naho ty bey, tsy mitaroñe inoñ’ inoñe naho tsy
o nisaontsie’ o Mpitokio naho i Mosè te ho tondrokeo; 23 te tsi-mahay tsy nijale i
Norizañey, naho amy t’ie ty nivaloha’e nivañon-ko veloñe ro hitaroñe hazavañe
am’ ondatio vaho amo kilakila ondatio.

### *Hera Hiantoke t’i Agripa*

24 Ie mbe niveroke, le hoe ty nipoñafa’ i Festosy, O Paoly, gege rehe; mampikitek’
azo ty habein-kilala’o. 25 Aa hoe t’i Paoly: Tsy tondren-draho ry Festosy aman-kasy, fa
tsara to naho hendre o fitaroñakoo. 26 Toe fohi’ i mpanjakay i tsaraeñey, le itaroñako
am-pidadàñe, naho iantofako te leo raik’ amo raha zao tsy mietak’ ama’e amy t’ie tsy
nanoeñ’ an-kotsok’ ao. 27 Ry Agripa Mpanjaka, tsy iantofa’o hao o mpitokio? Apotako
t’ie miantoke. 28 Aa hoe t’i Agripa amy Paoly, Hete, didý tsy nandrisik’ ahy rehe ho
mpiamy Norizañey! 29 Hoe t’i Paoly: He te aniany ke te ela, lonik’ aman’ Añahare
abey te tsy ihe avao, fa ze hene mijanjiñe ahy henaneo ty hanahak’ ahy naho tsy o
silisily retoañ’ avao.
30 Le niongake i mpanjakay naho i Ragovay naho i Berenikae vaho o nindre
niambesatse am’iereoo 31 le nitolake naho nifamesoveso ty hoe: Tsy nanao inoñ’
inoñe indatiy t’ie hañeva havetrake ndra harohy. 32 Le hoe t’i Agripa amy Festosy:
Mete ho hinaha indatiy naho tsy nikaike amy Kaisara.

## 27

### *Mijon-Tsambo mb’e Roma t’i Paoly*

1 Ie linily te hiondrañe an-dakañe mb’e Italia mb’eo, le nasese ami’ ty mpifehe
zato atao Jolio, firimboña’ Aogosto t’i Paoly naho ty mpirohy ila’e. 2 Nijon-daka’ i
Adramitiome zahay, ie homb’ an-tane añolo’ i Asia añe, le nionjoñe mb’eo rekets’ i
Aristarko, nte Makedonia hirik’e Tesalonika. 3 Ie nidosy e Sidona amy loak’ àndroy,
le nitretreze’ i Jolio t’i Paoly vaho nenga’e homb’ amo rañe’eo mb’eo hatraheñe. 4 Ie
nijon-dakañe boak’ ao le nanehake mb’ atimo’ i Kiprosy amy te niatre tioke. 5 Le
nitsake i riakey nañolotse i Kilkia naho i Pamfilia vaho nipok’e Maira-Likia ao. 6 Teo
ty nanjoa’ i mpifehe zatoy ty laka’ i Aleksandria hiondrañe mb’e Italia añe, vaho
nampijoñe’e ama’e zahay.
7 Ie nizenjèñe ey avao andro maro le tsy nimora ty niharinea’ay i Kinido fa tsy
nimete i tiokey, le niary ambane’ i Kreta tandrife i Salmona, 8 naho nifanehake mafe
nañolotse vaho nipok’ an-toetse atao Fipaliran-tsoa, marine’ ty rova atao Lasea. 9 Ie
tambatse eo andro maro, mbore niharaty ty fijoñañe fa añe i Fililirañey*, le hoe ty
hatahata’ i Paoly: 10 O ‘ndatireo, apotako te ho liàm-baràta an-joy naho fianto itoy,
tsy o kilankañeo naho i lakañey avao, fa o fiain-tikañeo. 11 Fe niantoke i kapiteniy
mandikoatse ty saontsi’ i Paoly i mpifehe zatoy naho i tompo’ i lakañeiy. 12 Aa kanao
tsy soa fitofàñe ami’ty asotry† i fipalirañey, le nilahatse hanonjohy i liay i màroy,
hera mete ho takareñe ty Foiniksa, fipalira’ i Kreta, hiasotry añe, ie ankalo’ o tiok’
atimo-ahandrefa naho avarats’ ahandrefa.

### *Ty Tio-Bey*

13 Ie nitiotioke boak’ atimo, natao’ iareo t’ie i tamañey, le naonjoñe i vato-fatsikey,
vaho nañolotse marine’ i Kreta. 14 Tsy tampetampetse zay, kinabokabo’ ty tio bey

† **26:20** Mat 16:27 * **27:9** ty fahafolo’ i Saramañitsey; (Avo 23:26-32) † **27:12** Asotry naho an-tane avaratse

nizotso boak’ amy tokonosey, ty rivo-doza atao faok’ atiñana, 15 le tsinepa’e i lakañey,
ie tsy nahasoroke i tiokey fa nadoñe haronje’e avao. 16 Ie nioza añ’ alo’ ty tokonose
atao Klaoda, le nifanehafe’ay ty hitambozòtse i lakan-dozay. 17 Aa ie tafa-onjoñe, le
vinandibanditse taly i lakam-beiy hamihiñe aze, amy te nihakahakaeñe ke hivariñe
mb’ am-pasen-kevo ao, naho nazotso o laio vaho napoke hisiotsiotse mb’eo. 18 Ie loho
navoamboa’ i faokey te loak’andro, le namototse nañary kilankañe iereo. 19 Amy
andro fahateloy ka navokovoko’ iereo am-pitàñe ty harao’ i lakañey. 20 Ie andro
maro tsy niboak’ i àndroy ndra o vasiañeo, naho tsy atao tio-kede ty nikobokoboke,
le ndra loli’e ty fisalala’ay te ho rombake.

21 Ie songa nifeake tsy aman-kane, le niongak’ añivo’ iereo t’i Paoly nanao ty hoe:
Ry ondaty reo, ho nisoa naho nihaoñe’ areo i tarokoy, te tsy ho vinotsotse ty Kreta,
vaho tsy ho nizo ty fijoy naho fianto toy. 22 F’ie henaneo, osiheko hirearea amy te
tsy ama’ areo ty ho motso fiaiñe, fa ty lakañe toy avao. 23 Toe nijohañe añilako
eo aniankale i anjelin’ Añahare mpametrek’ ahy naho itoroñakoy, 24 nanao ty hoe:
Ko hembañe Paoly, amy te tsi-mahay tsy hatrefe’o t’i Kaisara, vaho ingo, tinolon’
Añahare azo o mindre lia ama’o iabio. 25 Aa le manintsiña, ry ondatio, fa atokisako
t’i Andriananañahare te ho zoeñe do’e amy tsinara amakoy. 26 Ie amy zao, tsi-mete tsy
hitoañe an-tokonose tika.

### *Ty Fiantoa’ i Samboy*

27 Aa ie amy haleñe fahafolo-efats’ ambiy, le nasiotsiotse an-driak’ Adria ey avao,
le amy antetsaleñey, natao’ o mpiandakañeo t’ie nañarine tane. 28 Nitsoke iereo, le
nanjo roapolo tratra; niveve kedekedeke le nitsoke indraike, nanjo folo lim’ amby
tratra. 29 Aa ie nihembañe te hidasiñe am-bato, le nanjotso vato-fatsike efatse
amboho’ i lakañey, vaho nisalala ty manjirik’ andro.

30 Ie nimane hipotitsike amy lakañey o mpiandriakeo, naho fa nazotso’ iareo an-
driak’ ao i ana-dakañey vaho nanao sare hampijoñe vato-fatsike antondoha’e ao,
31 le hoe t’i Paoly amy mpifehe zatoy naho amo lahin-defoñeo: Naho tsy midoñe an-
dakañe atoy iereo, le tsy ho rombaheñe ka nahareo. 32 Aa le pinoto’ o lahin-defoñeo
ty tali’ i anan-dakañey vaho napoke hihintsañe añe.

33 Ie nangarañe i àndroy le songa nosihe’ i Paoly ondatio hikama, ami’ty hoe: Fa
nifeake naho nitolom-pililitse andro folo-efats’ amby tika, tsy nitendre inoñ’ inoñe.
34 Aa le iboliboliako hikama fa rombak’ay toy, amy te leo raik’ ama’ areo tsy ho po-
maròy raike ty añambone’e. 35 Ie nanao zay, le nandrambe mofo, nañandriañe an’
Andriananañahare añatrefa’ iareo iaby, naho finola’e vaho nikama. 36 Hene nazava-
troke vaho nangalake mahakama; 37 aa ie natontoñe le roanjato-tsi-fitom-polo-eneñ’
amby ro amy lakañey. 38 Ie niànjañe, le nampaivañe’ iereo i lakañey am-pañariañe
i tsakoy an-driak’ ao.

39 Ie nazava i àndroy, nialik’ am’ iereo i taney, f’ie nahatalake vinañe naho faseñe
añ’olots’ey ze mete’ i lakañey hitoañeñe. 40 Aa le nampipitsoheñ’ añe o vato-fatsikeo,
naho napok’ an-driak’ ao, naho binatsa’ iareo o talim-panehafan-dakañeo, naho
naonjoñe amy tiokey ty lai-aolo, vaho nigodañe mb’ añ’ olotse ey. 41 Fe nidoñe am-
pifanampean-driake roe eo i lakañey, le nidevoke naho nijihetse am-paseñe ao ty
loha’e, tsy nitroetroe, vaho dinorodemo’ ty fivalitaboa’ o onjao i voli’ey.

42 Fisafirie’ o lahin-defoñeo ty hanjamañe o mpirohio kera hilaño vaho hibotitsike.
43 Fe te handrombake i Paoly i mpifehe zatoy, le tsy nimea’e henefeñe i kililiy, vaho
linili’e te hijoñe an-drano aolo ze nahay nilaño, hitakare’e i taney. 44 Nandrambe
varamba o ila’eo naho potepoten-dakañe ka ty ila’e vaho songa ni-tra-drombak’ an-
tamboho eo.

# 28

### *Añ’olo’ i Malta*

1 Ie nihaha amy varatay, le naharendreke te atao Melita i tokonosey. 2 Nisoa
ty fitretreza’ o tompo-taneo: ie namiañe afo naho nanao an-traño anay, amy te
niavy ty orañe vaho nangoratsake. 3 Nanontoñe fehen-katae t’i Paoly naho napo’e
añ’afo ao, fe nakare’ i hafanañey ty mereñe nipitek’ am-pità’e eo. 4 Ie niisa’ o
tompo-taneo i mereñe niradorado am-pità’ey, le hoe ty vesoveso’ iareo: Tsy mete
tsy mpamono, ondatio, le ndra t’ie nivotsotse amy riakey tsy nenga’ ty toly ho
veloñe. 5 Fe nahifi’e añ’afo ao i mereñey, le tsy niore. 6 Nitokoe’ iereo ke hiboenatse
hera hikorovoke hikenkañe aniany, f’ie nandiñe ela naho tsy nahaoniñan-joy, le
nibalintoa ty fivetsevetse’ iareo vaho ndrañahare ka ty nanoeñ’ aze.
7 Marine eo ty tane’ i mpiaolo i tokonoseiy, Poplio ty tahina’e. Nandrambe anay
antalatala-saba re naho nanoe’e añ’ anjomba’e telo andro. 8 Ie amy zao, natindry ty
hamae-sandriñe naho niazo’ ty tsora-dio ty rae’ i Poplio. Nimoak’ ama’e ao t’i Paoly,
le nihalaly naho nampitongoa’e fitàñe, nampijangañ’ aze. 9 Heneke zay, le songa
nipoteake eo ze narare ila’e amy tokonosey vaho nijanganeñe. 10 Nanoly fiasiañe
ama’ay iereo, le ie ho nionjoñe, natoro’ iereo ze he’e pinai’ay.

### *Poke e Roma*

11 Ie nahamodo telo volañe, le nionjoñe ami’ty lakañe niasotry amy tokonosey.
Nte-Aleksandria i lakañey le i *Mpihambañe rey ro viloñe andoha’e eo. 12 Ie nitoly
e Sirakosa, le nitofa telo andro. 13 Boak’ ao, nañariary naho nivotrake e Regioma, aa
ie nahamodo andro raike, le namaoke ty tiok’ atimo, vaho nipotìtse e Potioly añe
amy loak’ àndroy; 14 Nanjo roahalahy eo zahay, naho nampihovae’ iereo hañialo ao
fito andro; zay vaho nionjoñe mb’e Roma mb’eo. 15 Aa ie nahajanjiñe ty ama’ay o
roahalahy añeo, le nihitrike naho nifanalaka ama’ay an-Tsenan’ Apio, amy Hotely
Teloy; aa ie tendreke i roahalahy rey t’i Paoly le nañandriañe an’ Andrianañahare
vaho nirearea an-troke. 16 Ie nandoake e Roma ao, le nengañe hiambesatse ie raike
t’i Paoly mindre amy lahin-defoñe mpiambeñe azey.

### *Mitsey e Roma ao t’i Paoly*

17 Ie nimodo ty telo andro le kinai’ i Paoly o mpiaolo’ o Jiosio, aa naho nifanontoñe,
le nanoa’e ty hoe: Ry roahalahy, ndra te tsy nandilatse am’ondatio ndra amo satan-
droaen-tikañeo raho, le nasese an-drohy boak’ Ierosaleme ao mb’am-pità’ o nte-
Romao. 18 Nalohi’ iareo, le ho hinaha amy te tsy aman-taly hamonoañe ahy. 19 Fe
nanjehatse o Tehodao, le nazitse raho hipay to amy Kaisara—tsy t’ie hanese sisý
amy tanekoy. 20 Zay ty nikanjiako anahareo hifankaoniñe naho hifanaontsy. Fa ty
fitamàko Israele ty nandrohizañe ahy amo silisilio.
21 Hoe iareo tama’e: Mbe tsy nandrambe taratasy boake Iehodà ty ama’o zahay,
vaho tsy amo roahalahy boak’ añeo ty nitalily ndra nisaontsy raha tsy mete ty ama’o,
22 f’ie te hijanjiñe azo, o fivetsevetse’oo, fa i firimboñañe zay, fohi’ay te mavoeñe
tok’aia tok’aia.
23 Ie nifamantañe andro, le maro ty niheo mb’añ’akiba’e mb’eo, le nampalangese’e
am’iereo an-taroñe i Fifehean’ Añaharey, le nimanea’e osike ty amy Iesoà boak’ amy
Hà’ i Mosè naho hirik’ amo Mpitokio handro pak’ amy hàleñey. 24 Niantoke i enta’ey
ty ila’e; tsy nipaoke ka ty ila’e.
25 Ie nifanao lie-drokoñe, naho ho niavotse, le nagado’ i Paoly ami’ty saontsy zao:
To ty nisaontsie’ i Arofo Masiñey añam’ Isaia mpitoky aman-droae’ areo, ty hoe:
26 Akia am’ondaty retiañe
naho taroño ty hoe:

* 28:11 Gk: Dioskory: i Kastorae, i Poloksa: Alizaoza

Hijanjiñe nainai'e nahareo
fe tsy hahafohiñe,
vaho hitolom-pañisake
f'ie tsy hahaoniñe.
27 Fa gàñe ty arofo' ondaty retiañe;
le mivalagìñe o ravembia'eo,
mbore nakipe'e o fihaino'eo.
Tsy mone hahaoniñe am-pihaino,
naho hahajanjiñe an-dravembia,
naho hahafohiñe añ'arofo,
naho hibalintoa,
vaho ho jangañeko iereo.†

28 Mahafohina arè, te nafantoke ho amo kilakila' ndatio o fandrombahan'
Añahareo, ie ro hijanjiñe! 29 ‡
30 Nimoneñe roe taoñe garagadìñe añ'anjomba nafondro'e ao re vaho nampihovà'e
iaby ze niheo mb'ama'e, 31 nitaroñe i Fifehean' Añaharey naho nañoke i Talè Iesoà
Norizañey am-pidadàñe vaho tsy nisebañeñe.

† **28:27** Ies 6:9,10 ‡ **28:29** Ie nanoe'e i hoe zay, le nienga aze o Jiosio, nifanjomotse avao.

# Roma

[1] I Paoly, fetrek'oro' Iesoà Norizañey, kinanjy ho Firàheñe, navaheñe ho ami'ty
talili-soan'Añahare [2] nampitamà'e taolo amo mpitoki' i Sokitse Masiñeio [3] ty amy
Ana'e nasama' ty tarira' i Davide ami'ty nofotse, [4] niventeñe amy Arofo Masiñey
te Anan' Añahare an-kaozarañe ami'ty fivañona'e an-kavilasy, i Talèntika Iesoà
Norizañey. [5] Ie ty nandrambesantika hasoa naho ty maha Firahe'e hinday o kilakila
ondatio hivohotse am-patokisañe. [6] Hirik' am'iareo ka ro nikanjia' Iesoà Norizañey
anahareo. [7] Ry hene kokoan' Añahare e Roma nikanjieñe ho noro'eo: Hasoa ama'
areo naho ty fañanintsin' Añahare Raentika naho i Talè Iesoà Norizañey.

## *Te Hitilike e Roma*

[8] Valoha'e, andriañeko t'i Andriananañahareko añam' Iesoà Norizañey ty ama' areo
iaby, te saontsieñe tok' aia tok'aia an-tane atoy ty fatokisa' areo. [9] I Andriananañahare
toroñeko an-troko amy talili-soa' i Ana'eiy ro valolombeloko te tsy apoko ty fitiahiañ'
anahareo [10] amo filolohakoo, mitolon-kalaly, he mete henaneo, he añe, t'ie ho
nañeneke ty liako mb' ama' areo mb'eo naho satrin' Añahare. [11] Salalaeko te
hahatrea anahareo, handivako ravoravon' arofo hampaozatse— [12] soa t'ie hohòeñe
mindre ama' areo, songa ty amy fatokisa'ey, inahareo naho zaho.
[13] Tsy teako tsy ho fohi'areo, ry roahalahy, te beteke nisafirieko ty hionjomb'ama'
areo mb'eo (fe mbe tsy nanjo lalañe) soa t'ie hanam-bokatse manahake amo kilakila
ondaty ila'eo. [14] Anaña' o Grikao naho o renetaneo naho o mahilalao vaho o tsy
mahilalao songo raho. [15] Rototse ka raho hitaroñe i talili-soay e Roma ao. [16] Tsy
mahasalatse ahy i Talili-soay, amy t'ie ty haozaran' Añahare maharombake ze hene
mahafiato, o Jiosio hey, vaho o Grikao. [17] Ie ty andrendrehañe ty havantañan'
Añahare, am-patokisañe ampitomboam-patokisañe; fa pinatetse te: Fatokisañe ty
hiveloma' o vantañeo.*

## *Ty Haviñeran'Añahare*

[18] Toe miboak' andindìñe ey ty haviñeran' Añahare amy ze fonga hatsivokarañe
naho tsy havañona' ondaty manindry ty hato ami'ty halo-tsereha'e, [19] fa malange
am' iereo ze mete ho fohiñe aman' Añahare, fa nampalangesan' Añahare. [20] Toe
midodea boak' ami'ty namboareñe ty voatse toy o sata'e tsi-isakeo, ty haozara'e tsy
modo, naho t'ie Andrianamboatse, rendreke amo namboareñeo, tole ndra tsy aman-
kaveroke iereo. [21] Aa ndra t'ie mahafohiñe i Andrianamboatse, tsy andrengea'e
ho Andriananañahare, tsy mañandriañe, vaho miha-tsi-vente'e ty fivetsevetse' iareo,
mbore mihamaieñe o tro-gege' iareoo. [22] Mihaboke hihitse te mone miha-dagola,
[23] soloa'e sare-ondaty mora momoke, naho voroñe naho biby aman-tombok' efatse
vaho biby milaly, ty engen' Añahare tsi-modo.
[24] Aa le adòn' Añahare amo draon-tro' iareoo ho ami'ty haleorañe hifaniva vatañe.
[25] Atakalo' iareo vande ty hatòn' Añahare vaho mitalaho naho mitoroñe amo
namboareñeo, fa tsy aman' Andrianamboatse—I rengèñe nainai'ey. Amena.
[26] Zay ty ampipohan'Añahare am-pipaiañe faly iareo: hatsalo' o roakemba' iareoo
sata tsy fanoeñe amo fiolorañe mahitio; [27] naho ado' o lahilahio ty fiolorañe
vantañe aman' ampela hiforehetse hifampipay; ie manao haloloañe aman-dahilahy
ty lahilahy, vaho rambese'e am-batañe ty toly mañeva o hakeo'eo.
[28] Aa kanao tsy sazò' iareo ty hitambozòtse ami'ty faharendrehañe an' Andri-
anañahare, le adon' Añahare ami'ty fitsakoreañe mengoke, hanao raha tsy fanoeñe;

* **1:17** Kab 2:4

[29] ie lifo-katsivokarañe, halò-tserehañe, fatitimena, helo-tro, fihàñañe, fañohoan-
doza, fifanointoiñañe, famañahiañe, hasiahañe vaho fibisibisihañe; [30] mpidramotse,
mpalaiñe an' Andriananañahare, mpiteratera, mpibohaboha naho mpirengevoke;
mpikitro-draty vaho mpanjeha-drae. [31] Ie tsy aman-kilala, mpivalik'am-pañina, tsy
mahafikoko vaho po-fiferenaiñañe. [32] Ndra t'ie mahafohiñe ty havantañan' Añahare
tsy apota'e te mañeva havetrake ty manao i tsaraeñey, le tsy vaho anoe'e, fa onjone'
iereo o mpanao irezaio.

# 2

[1] Aa le tsy amam-piveroha'e ondatio, ndra iaia rehe mizaka, o fizakà'oo ro amara'o
vatañe, amy te ihe mizaka ro mpanao o anoe'eo. [2] Toe fohin-tika te vantañe ty
talim-pizakan' Añahare o manao i sata rezaio. [3] He zao ty atao'o, ry ondatio, ie
anoe'o o fanoe' o zakae'oo, ho votitsihe'o hao i zakan' Añaharey? [4] Ke vasohe'o ty
havokaran-kasoa'e, ty fañantoàña'e naho ty fahaliñisa'e*, ie amoea'o te mitaoñe azo
hisoloho ty fatarihan' Añahare. [5] Fa ty tro'o manjehatse tsy mete misoloho ro mañaja
haviñerañe ho azo amy andron-kaviñerañe naho famentabentarañe ty hatòn-jakan'
Añaharey, [6] ie songa ho tambezeñe ty amo sata'eo t'indaty†; [7] le tolora'e haveloñe
nainai'e o mipay engeñe naho asiñe naho tsy fihomahañe am-pimanean-kasoao; [8] fe
fiforoforoañe naho haviñerañe o mpitribàhatseo, o mañarinje ty to naho mitolon-
katsivokarañe naho habosehañe vaho hatorifihañeo. [9] Eka ho valea'e hasiloke naho
halovilovy ze fiai' ondaty mpanao raty, ty Jiosy hey vaho ty Grika; [10] le engeñe naho
asiñe naho fañanintsiñe ze hene mpanao soa; ty Jiosy hey vaho ty Grika. [11] Fa tsy
mirihy t'i Andriananañahare.

[12] Toe songa hikorokomake alafe' i Hake ze mandilatse alafe' i Hake, vaho sindre
ho zakaeñe amy Hake ze manao hakeo ambane' i Hake, [13] Tsy ze mpijanjiñe Hake
ro malio-tahiñe aman' Añahare, fa ty mañambeñe Hake‡ ro mahazo to; [14] aa ie
mahafañorike ty andilia' i Hake an-dilitse ty ambahiny tsy aman-Kàke, le aman-Kake
am-bata'e ty tsy aman-Kàke, [15] fa ampalangese' o sata'eo te misokitse an-tro'e ao ty
nafe' i Hake, itaroñam-betsevetse, ke anisia' ty fitsakorea'e he añatoa'e [16] amy andro
ho zakaen' Añahare añam' IESOÀ Norizañey o mietake am' ondatioo; zay ty talily soa
taroñeko.

### *O Jiosio naho o Lilio*

[17] Aa ihe manoñom-batañe ho Jiosy, mpiato amy Hake naho mirenge aman'
Añahare; [18] ihe mahafohiñe o satri'eo naho miantoke ty soa kanao niòke amy Hake,
[19] naho atao'o te mpiaolo' ty goa naho hazavàñe amo añ' ieñeo, [20] mpanoro ty tsi-
mahilala, mpañoke ty bahimo, ama'o ty vente' ty hihitse naho ty hatò amy Hake ao§—
[21] ihe arè, mpañoke ty ila'e, maño-batam-b'iheo? Ihe manoro ty hoe: Ko mikametse*,
he mikizo? [22] Ihe manao ty hoe: Ko mañarapilo†; mitsindroke amontoñe ao hao? Ihe
malain-tsikily, va'e mpampikametse añ' anjomba miavake ao? [23] Ihe mpisenge Hake,
hera mañamavo an'Andriananañahare ami'ty fandilara'o Hake? [24] Toe pinatetse te:
Inahareo ro iteratera' o kilakila
ondatio ty tahinan' Añahare.‡

[25] Toe mahasoa ty savatse, naho oriheñe ty Hake fe naho mpiola amy Hake le
mivalike ho tsy fisavarañe i fisavara'oy. [26] Aa naho àmbe' ty tsi-sinavatse o fañè
amy Hake aoo, tsy ho volilieñe te afa-boy hao i tsy misavatsey? [27] Toe hizakà' ty
tsi-afa-boiñe mahambeñe Hake. Ama'o i pinatetsey naho i savatsey f'ie mpiola amy
Hake.

* **2:4** Pe II 3:9 † **2:6** Sab 62:12, oni: Mat 16:27 ‡ **2:13** Mat 7:21-27, Jak 2:14-24 § **2:20** Sab 147:19, Rom 3:2, 9:4 * **2:21** Avo 20:15, Its 20:19 † **2:22** Avo 20:14, Its 20:18 ‡ **2:24** Ies 52:5

[28] Fe tsy maha-Jiosy t'ie alafe'e avao, mbore tsy atao savatse i anoeñe an-tsandriñey.
[29] Toe Jiosy t'ie an-troke ao, naho añ'arofo ao ty savatse to§, fa tsy an-tsokitse; aa le
tsy boak' am'ondatio ty enge'e fa aman' Añahare.

# 3

*Ty Fatokisañe an' Andriananañahare*

[1] Inoñe arè ty tombo' ty maha Jiosy; he ino ty mahasoa o savatseo? [2] Toe
jabajaba tok'aia'aia! Valoha'e, toe nafantoke am'iereo o fepèn' Añahareo*. [3] Hera tsy
nahafiato ty ila'e? Hahamodo ty figahiñan' Añahare hao ty tsy fatokisa'e? [4] Sondo'e!
Ee abey te ho tendreke to t'i Andriananañahare ndra te kila mpandañitse ondatio, amy
pinatetse ty hoe:
Soa t'ie ho zoen-to amo tsara'oo
vaho handreketse te mizaka.†
[5] Aa naho onjone' ty hatsivokaran-tika ty hatòn' Añahare, le akore ty hatao-tikañe?
te tsy to hao t'i Andriananañahare t'ie mandafa? (manao reha' ondaty rahoo). [6] Sondo'e
ka! Naho nitò, akore ty hizakàn' Añahare ty voatse toy? [7] Aa naho ty vandeko
ro mampionjoñe ty hatòn' Añahare ho ami'ty enge'e, le inoñe ty amàrañe ahy ho
mpanan-kakeo? [8] Aa vaho akore t'ie tsy manao ty hoe: (Amy fanambaitambaiñañe
anaiy, ie atao' ty ila'e te enta'ay), Antao hanao raty hitotsaha' ty soa? To ty famàrañe
iareo.

*Ia ty Tsy aman-Tahiñe*

[9] Akore arè? Itika hao ro soa? Aiy! fa niventean-tika aniany te songa fehèn-kakeo
ke te Jiosy he te Grika. [10] Fa pinatetse ty hoe:
Tsy eo ty vañoñe, leo raike;
[11] tsy eo ty mahilala,
tsy eo ty mipay an' Andriananañahare.
[12] Fonga nandifike,
songa tsy manjofake; tsy ia ty manao soa, leo raike.‡
[13] Kibory misokake ty tretra' iareo; mitolom-pamañahy ty famele' iareo;
§Ambane soñi' iareo ao ty vore' o mereñeo.*
[14] Lifotse fatse naho afero
o falie' iareoo.†
[15] Malisa te hampiori-dio ty fandia' iareo‡;
[16] fianto naho hasotriañe
ro amo lala' iareoo;§
[17] vaho alik'am' iereo ty lalam-panintsiñañe.*
[18] Tsy aolom-pihaino' iareo ty fañeveñañe aman' Añahare.†
[19] Fohintika te ze tsarae' i Hake ro tsarae'e amy ze ambane' Hake, hampihomboñe
ze kila falie, vaho fonga hampivolilieñe aman' Añahare ty voatse toy; [20] fa tsy ama'
nofotse veloñe ty hahazo to ampivazohoa'e‡ ami'ty fimanemanea'e Hake; amy te
fampandrendrehan-kakeo ty Hake§.

*Havantañañe am-Patokisañe*

[21] Ie henaneo, fa nadodea alafe' i Hake ty havantañan' Añahare, ie taroñe' ty Hake
naho o Mpitokio [22] naho boak' aman' Añahare añamy figahiña' Iesoà Norizañey
ty havantañañe, ho amo hene mitam-patokisañeo, le tsy iambakambàhañe; [23] toe
fonga nanao hakeo naho milesa ami'ty engen' Añahare, [24] f'ie nampivantañeñe

§ **2:29** 1Ko 7:19, Avo 19:5, Its 10:12-16, 30:6-8 * **3:2** Oni Rom 2:20 † **3:4** Sab 51:4 ‡ **3:12** Sab 14:1-3, 53:1-4
§ **3:13** Sab 5:9 * **3:13** Sab 140:3 † **3:14** Sab 10:7 ‡ **3:15** Rzt 1:16 § **3:16** Rts 15:9, Iir 23:12 * **3:17**
Ies 59:7,8 † **3:18** Sab 36:1 ‡ **3:20** Sab 143:2 § **3:20** Avo 20:20, Rom 4:15, 7:7

tsi-ambili'e amy fatariha'e añamy fijebañañe amy IESOÀ Norizañeiy, [25] i sinafirin'
Añahare ho takom-boiñe añamy fiatoañe an-dio'ey, hampiboake ty havantaña'e, fa
am-pahaliñisa'e ty niriráñen' Añahare o hakeo taoloo, [26] hampidodeà'e amo sa zao
ty havantaña'e, t'ie i Vantañey naho ty figahiña' IESOÀ ro fañavantañañe ondaty.
[27] Aia arè ty firengeañe? Napoke añe. Ami'ty Hake manao akore? He am-
pimanemaneañe? Aiy avao, fa amy Hake miato-patokisañey. [28] Aa le agadon-
tika te vantañe' i fatokisa'ey t'indaty fa tsy am-pimanemanea'e Hake. [29] Aa vaho
Andriananãhare' o Jiosio avao hao re? Tsy a' o fokontokoñeo ka hao? Eka, toe a o
fokontokoñeo ka. [30] Inao, Raike t'i Andriananãhare, le fatokisañe ty añavantaña'e
o sinavatseo naho fatokisañe ka o tsy sinavatseo. [31] Hera faohen-tika am-patokisañe
t'i Hake. Aiy, sondo'e! te mone ajadon-tikañe t'i Hake*.

# 4

*Raem-patokisañe t'i Abraàme*

[1] Aa ino ty hataon-tika te nioni' i Abraàme raentika am-bata'e? [2] fa naho o
fimanea'eo ty nañavàntañe i Abraàme, le amam-pisengea'e re, fe tsy añatrefan'
Añahare. [3] Ino ty tsarae' o Sokitse Masiñeoo? Natokisa' i Abraàme t'i Andri-
anañahare vaho nivolilian-ko havantañañe.*
[4] Ie mitoroñe t'indaty, le tsy atao falalàñe ty tambe'e fa zo'e. [5] Fe amy tsy mitoroñe
fa miato amy Mpañavantañe ty tsy aman-Kàkeiy, le volilieñe ho havantaña'e i
fatokisa'ey. [6] Hambañe amy tsarae' i Davide ty haeha' ondaty vinolilin' Añahare
ho vantañe tsy ty amy fitoroña'ey:

[7] Haha o nafahan-kakeoo, naho o aman-tahiñe kinolopokeo.
[8] Haha t'indaty tsy anaña' IEHOVÀ hakeo.†

[9] O sinavatseo avao hao ro haha, ke o tsy sinavatseo ka? amy nataon-tika te
nivolilieñe ho havantañañe amy Abraàme i fatokisa'ey‡. [10] Akore ty namoliliañe aze?
Ie fa sinavatse hao, ke ie mbe tsi-afa-boy. Toe ie tsy nisavatse naho mbe tsi-tinampake!
[11] Aa le rinambe'e ho viloñe i savatsey; ho voli-fitombo' i havantañam-patokisa'ey, ie
mbe tsy niafa-boiñey. Toly ndra ie ty rae' o mpiato tsy sinavatseo, hamoliliañe iareo
ho vantañe. [12] Ie ka ty rae' o sinavatseo, tsy o niafa-boiñeo avao fa o mañavelo amy
fatokisa' i Abraàme raen-tikañey t'ie mbe tsy nisavareñeo.
[13] Tsy añamy Hake fa amy havantañam-patokisañey ty nampitamañe i Abraàme
naho o tarira'eo t'ie ty handova ty voatse toy. [14] Fa naho ty mpimane Hake ro
mpandova le tsy vara ty fatokisañe vaho kòake ty fitamàñe. [15] Toe minday lafa
t'i Hake, fe naho tsy eo lily, tsy eo zehatse. [16] Ie amy zao, le fatokisañe añamy
fatarihañey, hamenteañe ty nampitamañe ze hene tariratse, tsy ze amy Hàke avao,
fa amo mpitrao-patokisañe amy Abrahàmeo ka, ie raen-tikañe iaby, [17] (Fa hoe ty
pinatetse:

Fa nanoeko raem-pifeheañe maro rehe§)

ie añatrefa' i natokisa'ey, i Andriananãhare mameloñe o nihomakeo vaho mikanjy
o raha tsy eoo ho eoy. [18] Ie ho nilesa ty fisalala'e, mb'e niantofa'e i nampitamañey,
t'ie ho raem-pifeheañe maro, ty amy nitsaraeñe ama'ey, te:

Ho mira amy zay o tarira'oo.*

[19] Tsy nimokotse i fatokisa'ey, tsy hinao'e i sandri'e fa hihomakey—ie niha-
zato taoñe—naho ty hamodoa' ty trañon' ana' i Sarae; [20] tsy niankanie'e an-tsi-
fatokisañe i nampitaman' Añaharey, fe nihafatratse am-patokisañe, nandrenge an'

* **3:31** Sab 105:45, 119:44, Its 28:4, Ies 42:21, Iir 31:33 * **4:3** Fot 15:6; Gal 3:6 † **4:8** Sab 32:1-2 ‡ **4:9** Fot 15:6 § **4:17** Fot 17:5 * **4:18** Fot 15:5

Andrianañahare; 21 ie niantoke do'e te lefen' Añahare ty hahafonitse i tsinara'ey 22 le
vinolily ho havantañañe ama'e†.

23 Ie amy zao, tsy ie avao ty nanokirañe te vinolily ho ama'e, 24 fa ho volilieñe
ka tika mpiato amy nampitroatse IESOÀ Talèn-tika an-kavilasiy; 25 ie nasese ty amo
hakeon-tikañeo vaho natroatse hañavantañe an-tika.

# 5

### *Ty Voka' ty Fañomean-To*

1 Aa kanao vinolily ho vantañe tika ty amy fatokisan-tikañey, le an-kanintsiñe tika
aman' Añahare añamy Talèn-tika IESOÀ Norizañey, 2 le fatokisañe ka ro ahazoan-tika
lalañe mb'amy hasoa ijohañan-tikañey, ie mitreñe, misalala ty hahaoniñañe i engen'
Añaharey! 3 Tsy zay avao, fa rengen-tika o halovilovian-tikañeo, fohiñe te minday
fahaliñisañe i haloviloviañey 4 naho figahiñañe i fahaliñisañey vaho fitamàñe i
figahiñañey, 5 ie tsy salare' i fitamàñey, amy te nadoandoañe an-tron-tikañe ao ty
fikokoan' Añahare amy Arofo Masiñe natolots' an-tikañey.

6 Ie mbe nalejolejo tika, le nivilasy ho a o lo-tserekeo ami'ty sa mete i Norizañey.
7 Tsy siake hamoeñ' aiñe ty vañoñe, fe he eo ty mahavany hivetrake hisolo t'indaty
soa. 8 Fe niventen' Añahare ty fikokoa'e antika, amy te mbe nanan-kakeo tika te
nivilasy i Norizañey. 9 Aa kanao nivantañe' i lio'ey tika, antsake te ho hahañ' amy
haviñerañey! 10 Ie mbe nimpirafelahy tika ro nifampilongoeñe aman' Añahare
amy havilasi' i Ana'eiy, sandrake, t'ie nifampilongoeñe ro ho rombaheñe amy
havelo'ey! 11 Tsy zay avao, fa IESOÀ TALÈ Norizañey henaneo ty andrengean-tika
an' Andrianañahare, i nanjoan-tika fijebañañey.

### *Havilasy amy Dame, Havelo amy Norizañey*

12 Aa le hambañe amy te indaty raike ty nizilihan-kakeo ami'ty voatse toy naho i
havilasiy ty amy tahiñey, te kila hifetsahan-kavilasy, amy te fonga nandilatse; 13 Toe
tami'ty voatse toy taolo' i Hake o fandilarañeo, fe tsy mahaseseke ty tahiñe naho tsy
eo ty Hake. 14 Ndra te zay, nameleke faha' i Dame pak' amy Mosè o havilasio, ndra
amo tsy nandilatse am-panjehara' i Dameo, ie fanalinjoa' i hitotsakey.

15 Fe tsy manahake i tahiñey ty hasoa, fa naho ty hakeo' i raikey ty nahavilasy
i màroy, antsake te nitobàke amy màroy ty fatarihan' Añahare, naho ty hasoam-
palalà' i raikey, IESOÀ Norizañey! 16 Eka, tsy ampanahafeñe ami'ty toli' i nandilatsey
i falalàñey, amy te nikai-jaka naho ninday fatse i raikey; fe nandimbe hakeo maro
i falalàñey vaho ninday havantañañe. 17 Aa naho ty tahi' i raikey ty nifehean-
kavilasy añamy raikey, sandrake te hifeleke an-kaveloñe ao o mandrambe i hasoa
mitoabotsey naho i ravoravon-kavantañañeio añamy raike atao IESOÀ Norizañey.
18 Aa le, hambañe amy te nafà' ty hakeo raike ze kila ondaty, te nivantañen-ko veloñe
ami'ty sata-vañoñe raike ka ze hene' ondaty. 19 Fa manahake ty nampanaña' ty
fanjehara' indatiy tahiñe i màroy, ty nañavantaña' i raikey i màroy amy fivohora'ey.
20 Nivotrak' eo ty Hake hampivangogo o tahiñeo, aa ndra te nirokoroko o tahiñeo,
somandrake te niraorao ty fatarihañe, 21 aa le hambañe amy te hakeo ty nifeleke an-
kavilasy, te fatarihañe ty hifehe an-kañavantañe mb'an-kaveloñe nainai'e añamy
Talèntika IESOÀ Norizañey.

### *Mate an-Tahiñe, Veloñe amy Norizañey*

† **4:22** Fot 15:6

# 6

1 Aa vaho hanao ty hoe hao tika: Antao hitolom-pandilatse hampitomambao ty
hasoa! 2 Sondo’e! Akore t’ie nihomake an-kakeo* ro mbe ho veloñ’ ama’e? 3 He tsy
fohi’ areo te itikañ’ iaby nilipotse am’ IESOÀ Norizañey ro nilipotse amy havilasi’ey.
4 Aa le nitrao-pilenteke ama’e tika amy lipotsey mb’an-kavilasy ao, soa te, hambañe
ami’te nampitroare’ ty engen-dRae an-kavilasy i Norizañey, ty hañaveloan-tika an-
kavelom-bao. 5 Aa naho nampireketeñe ama’e tika an-kavilasy manahake aze, le ho
mpiamy fivañonan-ko velo’ey ka tika, 6 ie fohiñe te naradorado mindre ama’e i vatan-
tika hambo’ey, hañitoañe i sandriñe lifo-kakeoy, soa tsy hondevozen-tahiñe ka, 7 amy
te votsotse an-kakeo ze fa nihomake. 8 Aa kanao niharo vilasy amy Norizañey tika,
le atokisan-tika te hindrezañe an-kaveloñe ka, 9 fohiñe te natroatse amy havilasiy i
Norizañey tsy ho vilasy ka, amy te tsy anaña’ i havilasiy lily. 10 I havilasy nivetraha’ey,
le nivetraha’e ty amo hakeoo indraike nahaheneke; fe i haveloñe iveloma’ey, ro
iveloma’e aman’ Añahare. 11 Iantofo arè te nihomake an-kakeo nahareo, fe veloñe
aman’ Añahare am’ IESOÀ Norizañey. 12 Aa le ko atolotse ho fehèn-kakeo o sandri’
areo ho momokeo, hivohots’ amo hadrao’eo. 13 Le ko atolo’ areo an-tahiñe o
fangefange’ areoo ho harao-katsivokarañe, fe manolora vatañe aman’ Añahare hoe
nivelomeñe an-kavilasy; vaho o fangefange’ areoo ho haraon-kavantañañe aman’
Añahare, 14 amy te tsy hanan-dily ama’ areo o hakeoo†, amy t’ie tsy ambane’ ty
fimanemanean-dily, fa ambanem-patarihañe.

*Ondevon-Kavantañañe*

15 Akore arè? Handilatse hao tika amy te tsy fehèm-pepètse fa ambanem-
patarihañe? Aiy, sondo’e! 16 Tsy fohi’ areo hao te, ze anolora’ areo sandriñe
ho mpitoro’e hivohora’o, le ondevo’ i vohorañey?—ke amo tahiñeo minday
mb’am-pikoromahañe, he am-pivohorañe minday havantañañe. 17 Ty fatarihan’
Añahare, inahareo nondevozen-kakeo fe mivohotse añ’arofo amo ventem-pañòhañe
nitaroñañeo, 18 le fa hinaha an-kakeo vaho mpitoron-kavantañañe. 19 Anoeko an-
dreha’ ondaty ty amy haifoifo’ o sandri’ areoo: Fa hambañe amy te nafoe’areo
hondevozen-kakeo naho tahiñe o fangefangeo hañonjonañe ty hatsivokarañe; t’ie
hibanabana o fangefangeo hitoron-kavañonañe mb’am-piavahañe henane zao.
20 Ie nitoron-kakeo taolo, le nihaha amy havantañañey. 21 Aa le inoñe ty nivokareñe
amo raha manalatse anahareo henaneo? kanao ampigadoñe’e an-kamomohañe.
22 Aa ie hinaha an-kakeo naho mivohotse aman’ Añahare henaneo, ro mahazo ty
hasoa i fiavahañey ie mamokatse haveloñe tsy modo. 23 Fihomahañe ty valen-
kakeo‡, fe haveloñe nainai’e ro fatarihan’ Añahare amy Talèntika IESOÀ Norizañey.

# 7

*Fandrazañañe amo Enga Valio*

1 O ry longo, (ie itaroñako o mahafohiñe Hake) nofi’ areo hao te fehè’ i Hake
t’indaty t’ie mbe veloñe? 2 Fa ampifetrehe’ i Hake amy vali’ey ty rakemba naho
mbe veloñe i rangahey, ie mihomake indatiy, le votsotse amy Hake mamahotse aze
amy vali’eiy. 3 Aa naho anakeza’ ondaty ty rakemba manam-baly le atao t’ie tsy
vokatse. Fe naho mihomake i vali’ey, le haha amy Hake re, vaho tsy karapilo t’ie
engae’ ondaty. 4 Ie amy zao ry longo, ty Fañòva’ i Norizañeiy ty nivetraha’ areo amy
Hake, hireketa’ areo ami’ty hafa, amy nampitroareñe amy havilasiy, hamokaran-tika
ho an’ Andriananañahare.

* 6:2 Rom 8:13, Kol 3:3, Pe I 2:24 † 6:14 Fot 4:7, Tit 2:14, Mic 7:19, Sab 130:7-8 ‡ 6:23 Rom 8:13

5 Itika tamy nofotsey, le nitoloñe an-tsandriñe ao o draon-kakeo nisigihe’ i Hake
hamokara’e fihomahañeo. 6 F’ie votsots’ amy Hake henaneo, nivetrake amy namaho-
tsey, hitoroñe ami’ty nañavaoe’ i Arofoy fa tsy am-pimanemanean-tsokitse hambo’e.

### *Fifandrakarakañe amo Tahiñeo*

7 Aa le inoñe ty ho asan-tikañe? Hakeo hao t’i Hake? Sondo’e! Fa tsy ho napotako
ty atao tahiñe naho tsy t’i Hake, le tsy ho nihaiko ze atao fitsikirihañe naho tsy nafè’
i Hake ty hoe,
Ko mihàñe.*
8 I tahiñey, ie nampahazoa’ i liliy lalañe, nitrobo ze atao fikirañañe amako, fa naho
tsy eo Hake, tsy eo tahiñe. 9 Niveloñe hey raho taolo t’ie tsy aman-Kake; fe niavy i liliy,
le nibodan-ko veloñe o tahiñeo vaho nikenkan-draho; 10 i fañè ho ninday haveloñey,
te mone namono ahy. 11 I hakeoy, ie nampahazoa’ i liliy lalañe, namañahy ahy, vaho
ie ty namono ahy. 12 Aa le Masiñe t’i Hake, le miavake naho vantañe vaho soa o lilio.
13 Aa vaho fihomahañe amako hao i soay? Sondo’e! Fa i tahiñey, hampiborahañe
ty hakeo, nitoloñe fihomahañe amako amy soay, hampidodea’ i Hake ty halo-tsere’ o
tahiñeo.

### *Hotakotake añ’arofo*

14 Fohintika te arofo t’i Hake, f’ie nofotse naletake hondevon-kakeo. 15 Tsy apotako
o anoekoo; le tsy anoeko o satrikoo, te mone i hejekoy ty anoeko. 16 Aa naho anoeko
i tsy satrikoy, le iantofako te soa t’i Hake. 17 Ie henaneo tsy zaho ty manao, fa ty
hakeo mitoboke an-troko ato. 18 Apotako te tsy imoneñan-kasoa ty nofoko toy. Toe
amam-pisalalan-draho, fe tsy tafete’e ty fanoan-tsoa. 19 I soa satrieko hanoeñey tsy
anoeko, fe i raty hejekoy ty toloñako. 20 Aa naho anoeko i raha hejekoy, le tsy zaho
ty mitoloñe, fa o tahiñe mitsotsefotse amakoo.
21 Treako amy zao ty lily toy, t’ie manitra hanao soa, amako ty raty. 22 Toe iantofako
an-kafalean-troke i Han’ Añaharey†; 23 fe mahatrea hake hafa am-pangefangen-
tsandriko ato mifandraparapake amy Hake am-pitsakoreako atoañey mandrohy ahy
amy ha’ o tahiñe am-pangefangekooy. 24 Hete, ondaty mavoin-draho! Ia ty hañaha
ahy ami’ty sandrim-pihomahañe toy? 25 Andriañeko t’i Andriananañahare añamy
Talèntika IESOÀ Norizañey. Ie amy zao mitoroñe i Han’ Añaharey raho an-troke
ao, naho i ha’ o tahiñeoy ami’ty sandriko hambo’e toy.

## 8

### *Haveloñe añamy Arofoy*

1 Ie henane zao tsy amam-patse o am’ IESOÀ Norizañeo, o tsy mañavelo amy
nofotsey, fa amy arofoio, 2 ie hinaha’ i Han’ arofo minday haveloñe am’ IESOÀ
Norizañeiy amy han-tahiñe naho havilasiy. 3 Toe tsy nahalefe i Hake, ie nampaifoifoe’
i nofotsey, aa le nihenefan’ Añahare amy nañiraha’e i Ana’ey ho hambam-bintañe
amo sandriñe maleo-tahiñeo ho engan-kakeo, hamatse o tahiñe an-tsandriñeo, 4 soa
te ho heneke aman-tika tsy mpañavelo amy haondaty hambo’ey fa amy Arofoy ty
havantaña’ i Hake. 5 Mifahatse amo raha’ i hambo’eio ty fitsakorea’ o mipiteke
amy hambo’eio, fe amo rahan’arofoo o mpiato amy Arofoio. 6 Toe fihomahañe ty
vetsevetse mirekets’ amy hambo’ey, fe haveloñe naho fañanintsañe ty ereñeren-tro’
i mitambozòtse amy Arofoy; 7 fa mandrafe aman’ Añahare ty fitsakoreañe mipitek’
amy hambo’ey, amy te tsy iambanea’e t’i Han’ Añahare, toe tsy lefe’e; 8 vaho tsy
mete mahafale an’Andriananañahare o miato amy sandriñe hambo’ey. 9 F’ie tsy amy
hambo’ey, fa amy Arofoy, naho toe mimoneñe an-tro’ areo ao i Arofon’ Añaharey; aa

* **7:7** Avo 20:17, Its 5:21 † **7:22** Sab 119:16

naho tsy ama’e i Arofo’ i Norizañeiy le tsy aze. 10 Ie ama’ areo i Norizañey, ndra te
nihomake an-kakeoo i sandriñey, le veloñ’ an-kavantañañe ty arofo. 11 Aa ie mañialo
ama’ areo ao ty Arofo’ i nampitroatse IESOÀ amy havilaisiy, le i nañakatse i Norizañey
amy fihomahañeiy ro hameloñe o sandri’ areo mora momokeo amy Arofo’e mañialo
ama’areoy.
12 Ie amy zao, ry longo, mpisongo tika: tsy amy hambo’ey t’ie ho veloñe amy
modoy, 13 f’ie veloñe amy hambo’ey, le tsy mete tsy hihomake; fa naho i Arofoy ro
añitoa’ areo erike o sata’ rati’ i hambo’eio, le ho veloñe. 14 Fa hene anan’ Añahare ze
tarihe’ i Arofon’ Añaharey. 15 Toe tsy nandrambe i fañahim-pandrohizañey nahareo
hirevendreveñe, f’ie nandrambe ty Arofom-pamelomañ’ anake mahakanjy ty hoe:
Àba, Rae. 16 I Arofoy ty mitaroñe aman-tron-tikañe te anan’ Añahare; 17 aa kanao
anake tika le mpandova, toe mpandova aman’ Añahare, naho mitrao-pandova amy
Norizañey, ie iharoan-tika haloviloviañe, le itraofan’ engeñe ka.

### *Engeñe ho Avy*

18 Apotako te tsy mañeva hoharañe amy engeñe ho bentabentareñe aman-
tikañey ty haloviloviañe henanekeo. 19 Fa mihalantavañe, mandiñe ty fiboaha’
o anan’ Añahareo ty voatse toy; 20 amy te nondevozeñe ami’ty tsy fanjofahañe
o namboareñeo, tsy nisatrie’e, fe ami’ty fisafiri’ i nampiambane irezay ho am-
pitamañe 21 t’ie ho hahàñe am-pandevoza’ i fimomohañey ka ty voatse toy ho
an-kavolonahem-pidadà’ o anan’ Añahareo. 22 Fohintika t’ie mibabababa naho
mitrao-pitoreo am-pitsongoañe pake henaneo ze kila namboareñe. 23 Tsy ie avao,
fa itika aman-dengom-boa’ i Arofoy, eka! itika ro mitreontreoñe an-troke ao,
misalala ty fameloman’ anake, ty fijebañañe o sandrin-tikañeo. 24 I fitamàñey ty
nandrombahañe an-tika, le tsy atao fitamàñe o fitamàñe isakeo, fa ia ty mitamà ty
raha trea’e? 25 Aa ie tamaen-tika i tsy ìsakey le mihavàtse mandiñe aze.
26 Manahake zay, mañolotse o haifoifoan-tikañeo ka i Arofoy; itika tsy mahay
mihalaly ami’ty do’e, fa i Arofoy ro mañalañalañe ho antikañe ami’ty fitreontreoñe
tsy lefe talilieñe. 27 Le i Mpibiribiry trokey ty maharofoanañe ty fitsakorea’ i Arofoy,
amy t’ie ro mañalañalañe ho a o noro’eo ami’ty satrin’ Añahare.

### *Milikoatse o Mpandrebakeo*

28 Fohin-tika te ampifanehafen’ Añahare ze he’e hañasoa o mikoko an’Andriana-
ñahareo, o kinanjy amy fisafiria’ey; 29 amy te ze niarofoana’e taolo ro tinendre’e
hihambam-bintañe amy Ana’ey, soa t’ie ty ho tañoloñoloñam-piroahalahy maro.
30 Le nikanjie’e ka o tinendre’eo, naho nampivantañe’e o nikanjie’eo, vaho nirengè’e
o nampivantañe’eo.
31 Akore arè ty hanoen-tika? Kanao mañimba antika t’i Andrianañahare, ia ty
hiatreatre? 32 Aa ie tsy nañaro i Bako Toka’ey fa nengae’e ho antikañ’ iaby, sandrake
t’ie mitraoke ama’e ro hanolora’e ze he’e? 33 Ia ty hanisý o jinobon’ Añahareo? I
Andrianañahare ro mañavantañe, 34 Ia ty hamàtse? IESOÀ Norizañey ty nivilasy, eka,
toe nampivañonen-ko veloñe; ie am-pitàn-kavanan’ Añahare eo henaneo mihalaly
ho antika. 35 Ia ty hampipitsoke antika ami’ty fikokoa’ i Norizañey? haoreañe hao ke
haloviloviañe he fampisoañañe ke hasalikoañe he fihaloañe ke hankàñe he fibara?
36 Toe pinatetse ty hoe:
Ihe ro anjamanañe anay lomoñandro;
volilien-ko añondry ho lentañe zahay.*
37 Fe amy iaby rezay, mpandrebake ra’elahy tika amy Nikoko antikañey. 38 Le
faharako te to, ke havilasy he haveloñe ke anjely he fifeheañe he ze eo henaneo ke

* **8:36** Psa 44:22

ze mb’e añe, 39 he ty añ’ abo ey ke ty an-dalek’ ao he inoñ’ inoñe ami’ty voatse toy,
tsy hahasintake antikañe amy fikokoan’ Añahare amy Talèntika IESOÀ Norizañey.

# 9

*Ty Fiferenaiña’i Paoly*

1 Mitaroñe ty hatò amy Norizañey raho fa tsy misovo-bolañe; mitrao-pitaroñe am-
pitsakoreako i Arofo Masiñey, 2 t’ie lonjetse, naho mitolom-pihontoke ty an-troko
atoa, 3 fa nisalalaeko t’ie haitoañe amy Norizañey ty amo longoko ama’ nofotseo,
4 ie nte-Israele, a’ iareo ty fameloman-ko anake, ty engeñe, o fañinao, ty fanolorañe
Hàke, i fisoroñañey, vaho o fampitamàñeo; 5 a’ iareo o raeo, naho boak’am’iareo
ami’ty nofotse i Norizañey—i ambone’ ze he’ey, i Andrianañahare rengeñe nainai’ey.
Amena.
6 Fa tsy te nilesa o tsaran’ Añahareo, amy te tsy hene nte-Israele t’ie tarira’ Israele,
7 mbore tsy songa anake t’ie tiri’ i Abraàme; fa,
Am’ Isaka ty ikanjiañe o tiri’oo,*
8 aa le tsy o tariratse ama nofotseo ro anan’ Añahare, fa o ana’ i fitamàñeio ro
volilieñe ho tariratse. 9 Hoe ty tsara’ i fitamàñey,
Hibalike ami’ty sa toy raho
le hanañ’ ajajalahy t’i Sarahae.†
10 Mbore adodea amy Ribkae, ie nampiareña’ Isaka raentika indrai-piolotse,
11 (iereo mbe tsy nitoly, mboe tsy nanao inoñe ndra soa ndra raty, soa te hijadoñe i
fijoboñañe sinafirin’ Añaharey, tsy amo tolon-drahao fa amy Mpikanjiy), 12 le hoe ty
tsinara ama’e:
Hitoroñe ty zai’e ty zoke’e,‡
13 amy pinatetse ty hoe:
Nikokoako t’Iakobe
fa nihejeko t’i Esave.§
14 Inoñ’arè ty hatao-tika? Hera aman’ Añahare ao ty tsy to. Sondo’e zay! 15 Fa hoe
re amy Mosè:
Ho ferenaiñeko ze hiferenaiñako,
le ho tretrezeko ze hitretrezako.*
16 Aa le tsy ty fisalalà’ ondaty, tsy ty filaisa’ ondaty, fa i Andrianañahare mpitretrè.
17 Le hoe i Sokitse Masiñey amy Farao:
Amo safiry zao ty nampionjonako azo,
te ihe ty hampiboahañe ty haozarako,
naho hanitsihañe ty tane toy ami’ty fitaroñañe i añarakoy.†
18 Aa le tretreze’e ze satri’e, naho ampigàñe’e ze laha’e.‡
19 Aa ke hatao’ areo amako ty hoe, Inoñe arè ty itiñea’e an-tika? Ia ty hahasebañe
i satri’ey? 20 Hete, ry ‘ndaty, ia v’iheo te manoiñe aman’ Añahare? Ho volañe’ i
namboareñey ty hoe hao i namboatse azey: Akore ty nanoe’o ahy?`§ 21 Hera añana’
i mpanao valañe-taney lily i lietsey, t’ie ami’ty boko’e raike ro itsenea’e sinim-pia-
siañe naho ty valàñe tsotra? 22 Aa vaho akore t’i Andrianañahare, ie te hamente ty
haviñera’e naho hampandrendreke ty haozara’e, ro nifeake haliñisañe amo valàñen-
kabosehañe harotsakeo, 23 hampahafohinañe ty hafanjàka’ ty enge’e amo valañem-
pitretrezañeo, o nihentseñe’e taolo ho rengèñeo? 24 Itika nikanjie’e ‘nio, tsy amo
Jiosio avao, fa amo kilakila ondatio ka? 25 ie natovo’e amy Hosea ao, ty hoe:
Ho tokaveko ty hoe: Ondatiko
o tsy ni-ondatikoo,

* 9:7 Fot 21:12 † 9:9 Fot 18:10 ‡ 9:12 Fot 25:23 § 9:13 Mal 1:2,3 * 9:15 Avo 33:19b † 9:17 Avo 9:16
‡ 9:18 Vazoho: Ieh 11:20 § 9:20 Ies 29:16, 45:9

vaho Kokoa'e, i tsy nikokoañey.*
26 Hifetsake an-toetse nanoañe am' iereo ty hoe: Tsy ondatiko nahareo,
t'ie hikanjiañe ty hoe: anak' Andrianañahare veloñe†.
27 Le hoe ty koi' Isaia ty am'Israele:
Ndra te nira amo fasen-driakeo
ty ia' o tiri' Israeleo,
ty sehanga'e avao ty ho rombaheñe,‡
28 fa hafetsa' IEHOVÀ
an-tane atoy i tsinara'ey;
tsy kalafo naho masika.§
29 Le ty amy nitokia' Isaiay:
Naho tsy napo' i TALÈ-i-Màroy tiry tika
le ho nanahake i Sodoma
vaho ho nihambañe amy Gomora.*
30 Inoñe arè ty ho asan-tika? T'ie nitendreke havantañañe o kilakila ondaty
tsy nimane havañonañeo, eka, toe havantañañe mijadoñ' am-patokisañe; 31 fa tsy
nahatakatse ty havantaña' i Hake ka t'Israele nimanemane Hàke. 32 Akore? Amy
t'ie tsy am-patokisañe fa am-pimanemaneañe, toe nitsikapia' i vato fitsikapiañey†.
33 Hoe ty pinatetse:
Hehe, Apoko e Ziona ao ty vato fitsikapiañe
naho ty vato faminganañe;
fa tsy ho salatse ty miato ama'e‡.

# 10

1 O ry longo, ty salalan-troko naho ty halaliko aman' Añahare ty am' Israele, le
t'ie ho rombaheñe. 2 Atalíliko t'ie maringatse ho aman' Añahare, fe tsy an-kilala;
3 ie tsy nahafoniñe ty hamarentanen' Añahare, te mone nipay ty hañoreñañe ty a'
iareo, ie tsy niambane ami'ty havantañan' Añahare. 4 I Norizañey ro firefea' i Hake,
hañavantañe ze hene mpiato.
5 Nabeja' i Mosè ty havañonañe mifototse amy Hake, te:
Hitakatse haveloñe ama'e t'indaty mañorike aze.*
6 Mbore manao ty hoe ty havantañañe mifototse am-patokisañe:
Ko manao ty hoe añ'arofo ao:
Ia ty hionjoñe mb' andindìm-b'eo†
(hampizotso i Norizañey). 7 ke: Ia ty hizotso mb'an-tsikeokeok'ao? (hampitroatse
i Norizañey an-kavilasy). 8 Aa inom-barè ty enta'e?
Marine azo i tsaray, am-palie'o ao vaho añ'arofo'o ao,‡
Ie i tsaram-patokisañe taroñe'aiy, 9 t'ie mitaroñe i TALÈ IESOÀ am-palie, vaho iatoa'o
an-troke ao te vinañon' Añahare amo havilasio, le ho rombahen-drehe. 10 Toe
añ'arofo ao ty atokisa' ondaty hanjoa'e havantañañe, vaho am-palie ty hitaroña'e,
hitendreha'e rombake. 11 Hoe i Sokitse Masiñey,
Tsy ho salatse ze miato ama'e.§
12 Tsy eo ty mampiambake ty Jiosy ami'ty Grika; raike ty TALÈ' iabikey; matarike
amo hene mikanjy azeo. 13 fa
Hene ho rombaheñe
ze mikanjy ty tahina' i TALÈ. *

* **9:25** Hos 2:25 † **9:26** Hos 1:10b ‡ **9:27** Ies 22; Fot 22:17, Hos 1:10 § **9:28** Ies 10:23 * **9:29** Ies 1:9, Its 29:23; Iir 49:18, 50:40, Amo 4:11 † **9:32** Ies 8:14 ‡ **9:33** Ies 8:14:15, 28:16 * **10:5** Avo 20:11; Sor 18:5 † **10:6** Its 30:12 ‡ **10:8** Its 30:14 § **10:11** Ies 28:16, 49:23b * **10:13** Ioe 3:5, Top 2:21

[14] Akore ty hahakanjia’ iareo ty tsy natokisa’ iareo? akore ty hahatokisa’ iareo ty
tsy nijanjiñañe? vaho akore ty hahajanjiña’ iareo te tsy amam-pitaroñe? [15] Akore ty
hitaroña’ iareo te tsy niraheñe? Pinatetse ao ty hoe:
Hoke! ty hafanjàka o fandiam-pinday
talili-soan-draha soao!†
[16] Fe tsy hene nañaoñe i talili-soay, fa hoe t’Isaia:
O TALÈ, ia ty niantoke i entam-bola’aiy?‡
[17] Aa le am-pijanjiñañe ty fatokisañe, le an-tsaontsi’ i Norizañeiy ty fijanjiñañe.
[18] Fa hoe raho: ke t’ie tsy nahajanjiñe? Hete!
Fa nanitsike ty tane toy
ty fiarañanaña’ iareo,
naho pak’añ’olo’ ty voatse toy
ty saontsi’ iareo.§
[19] Le hoe raho: Hera tsy nifohi’ Israele? Hoe heike t’i Mosè:
Hampikirañeko anahareo
ty tsy fifelehañe,
ty fifeheañe tsy mahilala
ro hampibosehako anahareo*
[20] Hoe t’Isaia am-pahavaniañe:
Nizoe’ o tsy nipay ahio raho,
Naho nitojo am’ondaty tsy nañontane ahio.†
[21] Fe hoe re ty am’ Israele:
Lomoñandro raho nañitsi-tañañe am’ ondaty manjehatse naho mitangingiñeo.‡

# 11

*Naforintseñe hey t’Israeley*
*(Sabo 69.22; Isa. 29.10)*

[1] Le hoe ty asako, Ke nifarien’ Añahare ondati’eo? Sondo’e zay! Zaho ka nte-Israele!
tarira’ i Abraàme, fifokoa’ i Benjamina. [2] Tsy napon’ Añahare ondaty* niarofoana’e
haehaeo. He tsy fohi’ areo ty nanoe’ i Sokitse Masiñey ty amy Elia, ie nitoreo aman’
Andrianañahare ty am’Israele?
[3] O TALÈ, zinama’ iereo o mpitoki’oo,
kinimokimo’ iereo o kitreli’oo;
le honka’e raho
vaho te hañe-doza amako iereo.†?
[4] Aa le ino ty natoin’ Añahare aze:
Fa nitanako ho ahy ty lahilaly fito-arivo
tsy nanongaleke amy Baale.‡
[5] Manahake zay, ao ty sehanga’e henaneo, jinoboñe ami’ty fatariha’e. [6] Aa kanao
am-patarihañe, le tsy am-pimanemanean-dily; naho tsy zay tsy ho natao fatarihañe
i fatarihañey. [7] Aa le akore? Mboe tsy rinambe’ Israele i paia’ey, o jinoboñeo ro
nandrambe, fe nampigañeñe ty ila’e, [8] ty amy pinatetsey:
Tinolon’ Añahare arofo midebedebe iereo
fihaino tsy mahaisake
naho ravembia tsy mahajanjiñe
pake henaneo.§
[9] Hoe t’i Davide:
Ee te ho fàndrike ty

---

† **10:15** Ies 52:7 ‡ **10:16** Ies 53:1 § **10:18** Sab 19:4 * **10:19** Its 32:21 † **10:20** Ies 65:1 ‡ **10:21** Ies 65:2
* **11:2** Sab 94:14 † **11:3** Mp I 19:10,14 ‡ **11:4** Mp I 19:18 § **11:8** Its 29:3; Ies 29:10

fandambaña' iareoo, naho koboñe;
naho vato mampitsikapy
vaho fandilovañe am' iareo.
10 Ehe te haieñe o fihaino' iareoo,
tsy hahaisake; le hivokoke nainai'e o lambosi' iareoo. *

### *Singa'e Nasisike*

11 Aa le hoe raho: Hera nitsikapy naho nikorovoke iereo? Sondo'e zay! te mone
ninday fandrombahañe ho amo kilakila ondatio ty fikorovoha' iareo, hampikirañe
iareo†. 12 Aa naho vara ho ami'ty voatse toy ty fandilara' iareo, naho hanàñañe ho
a o kilakila ondatio ty filesa' iareo, sandrake t'ie fonireñe? 13 (Inahareo kilakila'
ondatio 'nio ro ivolañako). Aa kanao Firàhe' o kilakila ondatio raho, le ho sengèko i
fitoroñakoy, 14 ke ao ty hampamarahieko amo toe nofokoo, hañahàñe ty ila'e. 15 Fa
kanao minday fifampilongoañe ami'ty voatse toy ty fifariañe iareo, le ho inoñe naho
tsy haveloñe boak' an-kavilasy t'ie rambeseñe? 16 Naho miavake i loha-voay, le
miavake ka ty vonga'e. Kanao miavake ty vahatse, le o singa'eo ka. 17 Aa naho
pinekapenkañe ty singa ila'e, le ihe, singan-oliva tsotra ty navitrañe amy iereo vaho
natraoke ami'ty vahatse naho ty mena' i hatae olivay, 18 le ko rengevohe'o o singa'eo,
fa naho mirenge, Inao, tsy ihe ty mameloñe o vaha'eo, fa o vahatseo ro mameloñe
azo. 19 Hera hanao ty hoe rehe: Va'e nipenkàñañe o singao hamitrañañe ahy ao.
20 Eka; toe pinèkañe iereo ty amy tsy fatokisa' iareo, fa ty fatokisa'o ro ijohaña'o. Aa
le ko miriñake fa mañeveña; 21 fa kanao nifarien' Añahare o toe singa'eo le mahafary
azo ka. 22 Inao ty fatarihan' Añahare naho ty hasarots' arofo'e, ie tsy mihilotse amo
nikorovokeo, fe ama'areo ty fatarihan' Añahare naho toe mifahatse amy fatariha'ey,
tsy mone haito. 23 Ie ka, naho tsy mitoloñe an-tsi-fatokisañe, le havitrañe ao, amy te
lefen' Añahare ty hamitraña'e indraike. 24 Fa ihe binira amy hatae olivan' alay vaho
navitrañe amy hatae oliva navaeñe, mpirafe ama'ey, le antsake te mete havitrañe
amy hatae oliva'ey o nisinga'eo.

### *Ho Voarombake iaby t'Israele*

25 Tsy noko, ry longo, ty hamoea' areo o raha miheotse zao, tsy mone hihabo-
kihitse ty amy hagoañe nahazo ty ila' Israele ampara' te tafazilike ao o kilakila' ndaty
mahahenekeo‡. 26 Ie amy zao, hene ho rombaheñe t'Israele, ty amy pinatetsey:
Hiboak' e Ziona ao t'i Mpijebañe;
le haloli'e am' Iakobe ty halotsere'e;
27 Le zao ty ho fañinako am' iereo naho hahàko o hakeo' iareoo. §
28 Naho i talili-soay, le naitoañe iereo ty ama' areo; f'ie naho o fijoboñañeo le
ikokoañe ty aman-droae' iareo. 29 Toe tsy hahàfeñe o falalàn' Añahareo naho o
fikanjia'eo. 30 Fa hambañe ami'ty nanjehara' areo an' Andrianañahare taolo, fe
iferenaiñañe henaneo ty amy fanjehara' iareoy, 31 le manjehatse ka iereo henaneo,
soa t'ie ami'ty fitretrezañe anahareo ro hiferenaiñañe. 32 Kila nagaben' Añahare
am-panjeharañe ao soa te hene hiferenaiña'e.
33 Ee ty halale' o varan' Añahareo,
ty hilala'e naho ty hihi'e!
Tsy hay karaofeñe o zaka'eo,
naho tsy lefe tinoñeñe o lia'eo.
34 Ia ty nahafohiñe ty faharofoana' i Talè?
Ia ty nimpanoro aze? *
35 Ia ty nanolotse ama'e aolo, hañavaha'e? †

---

* **11:10** Sab 69:22,23 † **11:11** Its 32:21 ‡ **11:25** Fot 48:19 § **11:27** Ies 59:20,21; 27:9; Iir 31:33-34 * **11:34** Ies 40:13 † **11:35** Iob 35:7, 41:11

36 Fa tama'e, naho añama'e,
vaho ho ama'e ty haliforañe.
aze ty engeñe nainai'e kitro 'afe'e. Amena.

# 12

*Soroñe Veloñe*

1 Aa le osiheko nahareo, ry longo, ami'ty fiferenaiñan' Añahare; ty hibanabana
ty sandri' areo ho sorom-beloñe, miavake naho mañeva an' Andrianañahare,
zay ty fitoroñañe sazo anahareo. 2 Ko mitsikombe ty voatse toy, fa miovà
ami'ty fañavaoam-betsevetse, hamentea' areo ty satrin' arofon' Añahare soa naho
mahafale vaho fonitse.
3 Fa amy falalàñe natolots' ahiy, le taroñeko ama' areo iaby, t'ie tsy hihaboke hilala
mandikoatse ty evà'e, fa sambe mimane faharendrehañe migahiñe ty amy fatokisañe
nandivan' Añahare ama'e. 4 Ampanahafeñe aman-tika, te maro ty mpitraoke an-
tsandriñe raike ao, fe tsy hambam-pitoloñañe o mpitraoke iabio; 5 hoe zay ka
tika maro ro fañòva raike amy Norizañey, sindre mifampipiteke, 6 naho songa
aman-dravoravo ankafankafa ty amy falalàñe nitolorañe: he fitokiañe, tsahatse ty
fatokisa'e, 7 ke fitoloñañe ty amy fitoroña'ey; ie mpañoke le amy fañòha'ey; 8 ie
mpañosike le amy fañosiha'ey, ie mpanolotse le am-patarihañe; ie mpifehe le am-
pahimbañañe; ie mpiferenaiñe le an-kaehake.

*Ty Sata' o toe Mpiama'eo*

9 Ehe te ho po-pamañahiañe o fikokoañeo; hejeo ty raty, vontitiro ty soa;
10 Mifampipiteha am-pifampilongoañe; mifampiambanea am-piasiañe. 11 Ko
milealea am-pilozohañe, mirebarebà an-troke, toroño t'i Talè. 12 Mirebeha am-
pitamàñe; mifeaha an-kaloviloviañe, mifahara an-kalaly; 13 mandivà amy ze paia'
o noro'eo; le mampihova ambahiny.
14 Tatao o mampisoañe anahareo; tsipezo rano fa ko mañinje. 15 Itraofo
rebeke o mirebekeo, iharò rovetse o mirovetseo, 16 Songa miharoa rehake; ko
mibokenabokenake fa itraofo o mavomavoo, vaho ko mieva hilala.
17 Ko valean-draty ty raty ndra aman' ia'ia. Imaneo ty soa am-pivazohoa' ze hene
ondaty. 18 Naho mete, amy ze lefe'o, le mifampilongoa am' ondaty iabio. 19 O
roañetse, ko mamale fate, fa mañivaha ho amy haviñera'e, fa hoe ty pinatetse:
ahiko ty vale-fate, zaho ro hañavake.*
hoe t'i Talè. 20 Tovo'e:
Naho saliko i rafelahi'oy, anjotsò;
ie taliñiereñe, fahano rano;
ie anoe'o zay, ro amotrea'o vaen' afo mibela añambone'e eo.†
21 Ko milesa ami'ty haratiañe, fa gioho ami'ty soa ty raty.

# 13

*Fiandaliañe amo Fifeheañeo*

1 Soa re te sambe hiambane amo mpifehe ambone'eo t'indaty, amy te tsy eo ty
fifeheañe tsy boak' aman' Añahare, toe fa norizan' Añahare o fa eoo. 2 Aa le ze
mandietse ami'ty fifeheañe ro mandietse amy nafèn' Añaharey; vaho mamà-batañe
ty mpanjehatse. 3 Tsy hembañe' o mpifeheo ty mpanao soa, fa ty mpanao raty. Aa
tsy ho paia'o hao te tsy ampihembaña' o mpifelekeo? Anò ty soa, le ho renge'e; 4 ie
mpitoron' Añahare ho ami'ty hasoa'o. Fe mihembàña naho manao raty; amy t'ie tsy
mitam-pibara tsy an-dengo'e, fa mpitoron' Añahare, mpamale an-keloke ty mpanao

* **12:19** Its 32:35,43 † **12:20** Rzs 25:21,22

raty. 5 Aa le miambanea, tsy te ihaviñerañe avao fa ty amy fitsakorean-trokey ka.
6 Zay ty androroña' areo vili-loha, amy t'ie mpitoron' Añahare manao o tolon-draha'
iareoo lomoñandro. 7 Hene avaho ze nisongoeñe: roroñe ami'ty mañeva roroñe;
haba ami'ty mpamori-haba, fañeveñañe ami'ty añeveñañe, asiñe ami'ty asiñeñe.

*Mifampikokoa fa An-titotse*

8 Ko misongo ama'ia'ia, naho tsy t'ie mifampikoko, fa mahaheneke Hake ty
fifampikokoañe. 9 Le ty hoe:
Ko mipay vali'ondaty,
ko mañè-doza, ko mikizo,
ko mihàñe,*
naho ze fañè ila'e ro agadoñe amy tsara ty hoey:
Ikokò ondatio mira ami'ty vata'o.†
10 Tsy mijoy ondaty ty koko; fa mañeneke Hake ty fikokoañe.
11 Ie amy zao; mahafohina ty sa, te tondroke henaneo t'ie ho tsekafeñe ami'ty rotse,
fa marine antika henaneo ty fandrombahañe te amy natokisan-tikañey. 12 Fa ho modo
i haleñey, naho an-titotse ty andro, aa le apon-tikañe o satañ' ieñeo vaho mañombe
ty fikalan-kazavàñe. 13 Antao hanao mañeva ty atoandro, tsy mifandrakaraka, tsy
mijike, tsy mipay lamba, tsy manao ze mahameñatse, tsy mifandietse vaho tsy
mikirañe. 14 Fe aombeo i TALÈ IESOÀ Norizañey, le ko añivahañe ty sandriñe hilomolo
amo drao'eo.

# 14

*O Malemeo naho o Maozatseo*

1 Ampihovao ty maifoifo am-patokisañe, fa tsy t'ie hifandietse amo raha ereñeren-
trokeo. 2 Eo ty miantoke te hene kamaeñe, fe mikama añañe avao i malemey. 3 Asoao
tsy ho mavoe' i mikamay i tsy mikamay; vaho tsy ho tiñea' i tsy mikamay i mikamay,
fa non' Añahare. 4 Ia rehe te hanìñe ty mpitoro' ondaty? amy talè'ey ty ijohaña'e ke
ikorovoha'e. Toe hijohan-dre fa mahafitroatse aze t'i Andrianañahare.
5 Eo ty miasy ty andro raike ambone' ty ila'e; ampirae' ty ila'e ka ze hene andro.
Hamake te songa rekets' añ' arofo'e ao. 6 I miasy àndroy, miasy aze ho amy TALÈ. I
mikamay mikama ho amy TALÈ, am-pandriañañe an' Andrianañahare. Le i mifaly
haneñey ro mifaly ho amy TALÈ vaho mañandriañe an' Andrianañahare.
7 Tsy aman-tika ty veloñe am-bata'e avao, le tsy eo ty mivetrake am-bata'e. 8 Ie
veloñe tika, le veloñe amy TALÈ, ie vilasy, le vilasy amy TALÈ; Aa he t'ie veloñe, ke
vilasy, le a i TALÈ. 9 Zao ty nivilasia' i Norizañey naho nitroara'ey, soa t'ie ro TALÈ' o
nihomakeo naho o veloñeo. 10 Fa ihe, ino ty aniñea'o ty longo'o? he akore te kirofe'o
añ' ofoke i longo'oy? Ie songa hijohañe añatrefa' i fiambesam-pizakàn' Añaharey;
11 Fa hoe ty pinatetse:
Kanao velon-dRaho, hoe t'i TALÈ,
hitongalefa' ze kila ongotse,
vaho hiantoke
an' Andrianañahare ze hene fameleke*
12 Aa kanao sindre hamolily vatañe aman' Añahare 13 antao tsy hifanìñe ka, le
mifoneña tsy hampipohañe ty raha mahatsikapy ndra ty mahatofotse an-dalan-dongo
eo. 14 Apotako naho iatoako am' IESOÀ TALÈ te tsy eo ty raha faly avao, fa amy mitañ'
aze ho faliy, le faly ama'e. 15 Aa naho mampanahelo ty longo'o ty mahakama'o, ihe tsy
mañavelo an-koko. Ko toloram-boiñe ty amy mahakama'oy i nivilasia' i Norizañeiy.
16 Aa le ko apoke ho fosaeñe ze atao'o soa; 17 amy te tsy mahakama, tsy finomañe

* 13:9 Avo 20:131777; Its 5:17-21 † 13:9 Sor 19:18 * 14:11 Ies 45:23

i fifehean’ Añaharey, fa havantañañe naho fifampilongoañe vaho firebehañe amy
Arofo Masiñey. 18 Toe sitran’ Añahare naho no’ ondatio ty mitoroñe i Norizañey hoe
zay.
19 Antao arè himane ze raha minday fifampilongoañe naho fifampibodobodoañe.
20 Ko rotsaheñe o tolon-drahan’ Añahareo ty amo mahakamao. Toe hene malio, fe
voiñe ama’ ondaty ty mikama hampitorifiha’e. 21 Hàmake tsy mikama hena, tsy
minon-divay ndra inoñe mahatsikapy o longo’oo. 22 Ifaharo añatrefan’ Añahare eo
i fatokisa’oy; haha ty tsy mamà-batañe amo atokisa’eo. 23 Fe voafàtse t’ie mikama
ty mahatsimboetse aze, amy te tsy am-patokisañe; toe fonga hakeo ze tsy mifototse
am-patokisañe.

# 15

*Ty Fidadañe ao*

1 Aa le mivave o kombimbao tika maozatseo, fe tsy t’ie hampiehake vatañe;
2 songa hampifale ondaty ami’ty hasoa tika, hampiraorao aze. 3 Tsy nanao ty
hampinembanembam-bata’e i Norizañey; fa hoe ty pinatetse:
Nidoñ’amako ty ìnje’ o nañinje azoo.*
4 Hene nisokireñe hañòhañe antikañe ze pinatetse haehae†, soa te hanan-ko
tamaeñe amy fahaliñisañey naho amy fañosiha’ i Sokitse Masiñeiy.
5 I Andrianañaharem-pahaliñisañe naho fañohòañey abey ro hifampipiteha’
areo troke no’ Iesoà Norizañey, 6 soa t’ie hirai-troke naho songa hirihoñe
am-piarañanañañe raike handrenge an’Andrianañahare Rae’ i Talèntika Iesoà
Norizañey.
7 Aa le mifampihovà, hambañe ami’ty nampiziliha’ i Norizañey antika, ho ami’ty
engen’ Añahare. 8 Le itaroñako te mpitoroñe i fisavarañey i Norizañey, ho ami’ty
hatòn’ Añahare, hamenteañe o nampitamà’e aman-droaeo, 9 naho fiferenaiñañe ty
handrengea’ o kilakila’ ndatio an’ Andrianañahare, fa hoe ty pinatetse:
Ie rengèko amo kilakila’ndatio, vaho ho saboeko ty tahina’o; ‡
10 le tinovo’e ty hoe:
Mitroafa rebeke am’ ondati’eo ry kilakila’ ondatio.§
11 ty tovo’e ka:
Mandrengea i Talè ry kilakila ondatio, misaboa aze ry hene ondatio.*
12 le tinovo’ Isaia ty hoe:
Hitotsake ty vaha’ i Jese le hitroatse re hifehe o fifeheañeo,
ie ty fitamà’ o kilakila’ndatio. †
13 I Andrianañaharem-pitamàñey abey ro handifotse anahareo an-drebeke
naho an-kanintsiñe am-patokisañe, hampipea’e fitamàñe añamy haozara’ i Arofo
Masiñey.

*Mpitoro’ o kilakila’ndatio*

14 O ry longo, iantofako ty ama’ areo, te pèa hasoa naho lifo-kilala, hifanoroa’ areo.
15 Teo ty nahasibehako an-tsokitse, haniahiako anahareo indraike, i falalàñe natolon’
Añahare ahikoy, 16 ho mpitoro’ Iesoà Norizañey amo kilakila’ ndatio; mitoloñe ho
mpisoro’ i talily soan’ Añaharey, soa te ho no’e ty añengaeko o kilakila’ ndaty
navahe’ i Arofo Masiñeio. 17 Toe nanjo ty hirengeako am’ Iesoà Norizañey amo
raha mioza aman’ Añahareo, 18 fe tsy vaniko volañeñe ndra inoñ’ inoñe tsy nanoe’
i Norizañey añamakoo, le ty hampivohotse o kilakila ‘ndatio an-tsaontsy naho am-
pitoloñañe, 19 ami’ty haozara’ o viloñe naho raha tsitantaneo, ami’ty hafatrara’ i

* **15:3** Sab 69:9 † **15:4** Ko I 10:11, Ti II 3:16-17 ‡ **15:9** Sa II 22:50; Sab 18:49 § **15:10** Its 32:43 * **15:11** Sab 117:1 † **15:12** Ies 11:10

Arofo Masiñey. Aa le boak' Ierosaleme pak' amparipari' Ilirikiona añe ty nitaroñeko
ami'ty hafonira'e ty talili-soa' i Norizañey. [20] Zay ty nimaneako fitaroñe i talili-
soay an-tane mboe tsy nahajanjiñe ty tahina' i Norizañey, tsy handranjiako ami'ty
mananta' ondaty. [21] Fa hoe ty pinatetse:
O tsy nitaliliañeo
ro hahaoniñe;
vaho o tsy nahajanjiñeo,
ro haharendreke. ‡
[22] Beteke zay ty nanebañe ahy tsy hombàko mb'ama' areo mb'eo.

*Fisafiri' i Paoly ty Hitilike e Roma*

[23] Aa ie henane zao, amy te tsy aman-toetse hitoroñako an-tane atoa ka, le
ami'ty nisalalaeko taoñe maro ty hitilike anahareo, [24] le amy liako mb'e Spania
añe, ty itamako hahaisake anahareo t'ie miary mb'eo, hampionjona' areo, itika fa
nifañòhahoha heike.
[25] F'ie homb'e Ierosaleme añe hey hitoroñe o noro'eo. [26] Amy te nahaehake o
nte Makedoniao naho o nte Akaiao ty hanolotse amo noro'e misotry e Ierosalemeo.
[27] Eka, toe nampinembanembañe iareo, fa mpisongo ama'e. Aa ie nandrambe raha
añ'arofo am'iareo o kilakila' ndatio, le avaha' iareo amo raha' ty tane' toio ka; [28] ie
nañeneke zay naho fa vinoli-tomboko ho am' iareo i mahakamay, le hiary mb'ama'
areo naho mb'e Spaina añe. [29] Fantako t'ie pok' ama' areo ao, le hitotsake eo ami'ty
hapeam-pitahia' i Norizañey.
[30] Aa le mihalaly ama' areo raho ry longo, ty amy Talèntika Iesoà Norizañey
naho ami'ty fikokoa' i Arofoy, ty hifanehafantika halaly aman' Añahare ho
ahy, [31] t'ie ho rombaheñe amo manjehatse e Iehodào, naho ho no' o noro'e e
Ierosalemeo ty fitoroñako ho a iareo, [32] hahafionjonako mb'ama' areo mb'eo an-
kaehake ami'ty satrin' arofon' Añahare, vaho hanjò hanintsin-troke ama' areo. [33] I
Andriananañaharem-pierañerañañey abey ho ama' areo iaby. Amena.

# 16

*Fañandriañañe naho Fisalamañe*

[1] Ampandrendreheko anahareo t'i Foìbe rahavave'ay mpitoro' i Fivory e Kenkrea
añey; [2] t'ie ho rambese' areo amy Talè ami'ty mañeva o noro'eo, naho te himbae'
areo amy ze mete hipaià'e, ie fa nañolotse ty maro naho ahy ka.
[3] Añontaneo t'i Prisilae naho i Akoila mpiharo tolon-draha amako am' Iesoà
Norizañey. [4] I ho namoe fititia hasolo ty fiaiko rey. Tsy zaho avao ty mañandriañe
iareo fa ze hene' Fivorin-kilakila ondatio. [5] Ao ka ty Fivory añ' anjomba'
iareo. Añontaneo i Epaineto rañekoy, i loha-voam-piantoke i Norizañey e Asiay.
[6] Añontaneo t'i Marie mpifanehake ho anahareo. [7] Añontaneo t'i Andronìko naho i
Jonìa, longoko naho mpiharo-rohy amako, an-kasiñ' amo Firàheñeo, vaho nimpiamy
Norizañey taoloko. [8] Añontaneo t'i Ampliato, i kokoako amy Talèiy. [9] Añontaneo
t'i Orbano, mpifanehake ama'ay amy Norizañey, naho i Staky, longoko sarotse.
[10] Añontaneo t'i Apelà, i niventeañe amy Norizañeiy. Añontaneo o amy Aristoboloo.
[11] Añontaneo t'i Herodiona longoko. Añontaneo o amy Narkisao, o amy Talèo.
[12] Salamao t'i Trifenae naho i Trifosae, mpifanehake amy Talè ao. Añontaneo t'i
Persie isoke, i nitromake mafe amy Talèiy. [13] Añontaneo t'i Rofosy, jinobo' i Talè
naho i rene'e naho ahiko. [14] Añontaneo t'i Asinkrito, i Flegona, i Hermesy, i Patroba,
i Herma, naho o longo am'iereoo. [15] Salamao t'i Filologo naho i Joliae, i Nerea naho
i rahavave'ey, naho i Olimpa, vaho o fonga noro'e am'iereoo. [16] Mifanalamà ami'ty
oroke miavake. Hene mañontane anahareo o Fivori' i Norizañeio.

‡ **15:21** Ies 52:15

17 Añosihako ry longo, te ho sarisarie' areo o mampiambake naho manebañe an-
dietse i fañòhañe nioha' areoio, vaho ihankàño. 18 Ie tsy mpitoroñe i Talèn-tika
Norizañey, fa ty tro'e, le an-kabeake naho tsiriry ty amañahia'e ty arofo' o tsy
midareo. 19 Fa nahatakatse ie iabikey ty talily o fatokisa' areoo, aa le mahafale
ahy nahareo; f'ie teako ho mahihitse ami'ty hasoa vaho halio amo halo-tserehañeo.
20 Fa an-titotse te ho demohen' Añaharem-pierañerañañe ambanem-pandia' areo ao
i mpañìnjey. Ho ama' areo ty hasoa' i Talèntika Iesoà Norizañey. 21 Añontanea'
i Timoty, mpifanehake amakoy, nahareo, hoe zay ka i Losio naho i Jasona, vaho i
Sosipatro rolongoko.
22 Manalama anahareo amy Talè ao ka raho, Tertio, mpanokitse ty taratasy toy.
23 Mañontane anahareo t'i Gaio mpanao añ'anjomba ahy naho ty Fivory atoy iaby.
Manalama anahareo ka t'i Erasto, mpamandro' ty rova, naho i Koarto rahalahy. 24 Ho
ama' areo iaby abey ty fatariha' Iesoà Norizañey, Amena.
25 Ie amy zao, ho amy Mahafijadoñe anahareo ty amy talili-soako naho ty fitaroñañe
Iesoà Norizañey, ty amy fampibentarañe i raha miheotse nakafitse haehae' zay, 26 fe
naboake henaneo, naho amo pinatem-pitokio ty amy nililien' Añahare nainai'e tsy
modoy, le fa nitaroñeñe amo kilakila ondatio hampivohotse iareo am-patokisañe.
27 Aman' Añahare mahihitse tsi-roe-tsi-telo nainai'e abey ty engeñe, añam' Iesoà
Norizañey! Amena.

# Korinto I

### *Fisalamañe*

1 I Paoly, kinanjy ho Firàhe' Iesoà Norizañey ami'ty satrin' arofon' Añahare, naho i
Sostena rahalahy. 2 Ho ami'ty Fivorin' Añahare e Korinto añe, ho amo nampiavahe'
Iesoà Norizañeio, o kinanjy ho noro'eo, miharo amy ze hene mpikanjy ty tahina'
Iesoà Talèntika Norizañey ndra aia aia, i Talè' iareo naho antikañey. 3 Hasoa ama'
areo naho fañanitsiñe boak' aman' Añahare Raen-tika naho Iesoà Talè Norizañey.

### *Fañandriañañe*

4 Andriañeko nainai'e t'i Andriananañahareko ty ama' areo, ty hasoan' Añahare
natolotse anahareo am' Iesoà Norizañeiy, 5 ie ama'e ro niaboeñe amy ze lafi'e iaby
an-tsara heneke naho an-kihitse fonitse, 6 ie niventèñe ama' areo ty fitaroñañe i
Norizañey. 7 Aa le tsy eo ty tsy eneñe ama'areo amo falalàñe iabio, hene rototse
mitamà ty fiboaha' i Talèntika Iesoà Norizañey. 8 Ie ty hampijadoñe anahareo
sikal' am-pigadoña'e añe, tsy hanan-kila amy andro' i Talèntika Iesoà Norizañeiy.
9 Migahiñe t'i Andriananañahare nikanjy anahareo ho amy fifampilongoañe amy Ana'e,
Talèntika Iesoà Norizañeiy.

### *Mifañambake am-Pivory ao*

10 Ie amy zao, mañosike anahareo raho ry longo, amy tahina' i Talèntika Iesoà
Norizañeiy, ty hiharo saontsy, tsy hifampiriaria, f'ie ho fonireñe ho raike an-kilala
naho raike an-tsafiry. 11 O ry longo, fa natalili' o mpiamy Kloaio amako t'ie amam-
pifandierañe; 12 ty anoako zao, le te ao ty manao ty hoe: mpiamy Paoly raho, le
ty raike: amy Apolosy raho, naho ty raike: amy Kefasy raho, vaho ty ila'e: zaho
amy Norizañey. 13 Aa vaho mitsiriaria hao i Norizañey? Pinèke ho anahareo hao
t'i Paoly? He nalipotse ami'ty añara' i Paoly? 14 Andriañeko t'i Andriananañahare te
tsy ia ama' areo ty nalipoko naho tsy i Krispo naho i Gaio avao, 15 ke eo ty hanao
ty hoe t'ie nilipotse ami'ty añarako. 16 (Toe nalipoko ka o añ'anjomba' i Stefanasio.
Fa tsy apotako ze ila'e mete ho nampiliporeko.) 17 Toe tsy nañitrik' ahy handipotse i
Norizañey, fa ty hitaroñe i talili-soay, tsy an-dreha-kante kera hampikoaheñe i hatae'
ajale' i Norizañeiy.

### *ty Hihin' Añahare naho ty Haozara'e*

18 Toe borosode amo mikoromakeo ty tsara' i hatae' ajaley, fe haozaran' Añahare
amantika rombaheñeo. 19 Fa hoe ty pinatetse:
Ho rotsaheko ty hihi' o mahihitseo, naho
hakafitse ty hilala' o mahilalao.*
20 Aia ze o mahihitse zao? Aia ty mahay taratasy? Aia ty mpionim-piheotse
ami'ty sa' toy? Tsy nanoen' Añahare hanèñe hao ty hilala' ty tane toy? 21 Ie amy
hihin' Añaharey, kanao tsy nampahafohiñe an' Andriananañahare ty hihi' ty tane
toy, le nisatrien' Añahare ty handrombake ze mahafiantoke ami'ty hagegea' i tsara
taroñeñey. 22 Toe mipay viloñe o Jiosio, naho mitsoe-kihitse o Grikao; 23 fe mitaroñe i
Norizañe pinèkey zahay: ie boloko fitsikapia' o Jiosio, naho hadagolàñe amo Grikao;
24 fe amo kinanjio, he te Jiosy ke Grika, le ie ty haozaran' Añahare naho ty hihin'
Añahare.
25 Fa mahihitse te am'ondatio ty hagegean' Añahare, naho maozatse te am'ondatio
ty haifoifoan' Añahare. 26 Haraharao i nikanjiañe anahareoy: tsy nimaro ty nahihitse

* **1:19** Ies 29:14; Oni Mat 11:25, Rom 1:22

amo nofotseo, tsy nimaro ty fanalolahy, tsy niampeampe ty ana-donake. 27 Fe jinobon’
Añahare o gege an-tane atoio hanalatse o mahilalao, naho jinobon’ Añahare o
maifoifo’ ty tane toio hañameñatse o jomakeo; 28 jinobon’ Añahare o tsy vara’ ty tane
toio naho o mavoiñeo vaho o atao tsy vente’eo, hampikoaha’e o raha eoo, 29 soa te tsy
eo ty nofotse hirengevoke añatrefan’ Añahare. 30 Ie ro maha am’ IESOÀ Norizañey
anahareo, Ie ty nanoan’ Añahare hihitse naho havantañañe naho fiavahañe vaho
fijebañañe an-tika, 31 soa te, amy pinatetse ty hoe:
Ze mirenge, Ee te i TALÈ ro firengea’e†.

# 2

1 O ry longo, ie nivotrake ama’ areo raho, le tsy an-dàn-tsaontsy, tsy an-kihitse
ty nitaroñako i nietak’ aman’ Añaharey. 2 Fa nifaharako te tsy hahafohiñe ndra
inoñ’ inoñe ama’ areo ao naho tsy IESOÀ Norizañey vaho ie pinèke. 3 Nimokotse
t’ie tama’ areo, nihembañe, vaho nisilofe’ ty nevenevetse. 4 Le tsy an-tsaontsin-
kihitse mahasintoñe i rehakoy naho i fitaroñakoy, fa ami’ty fampalangesañe i Arofoy
naho añ-ozatse, 5 soa tsy hioreñe ami’ty hakante’ ondaty ty fatokisa’ areo fa ami’ty
faozaran’ Añahare.

### *Hihitse amy Arofoy*

6 Toe mitaroñe hihitse amo àñoñeo zahay, fa tsy ty hihi’ ty sa toy, ndra ty a
o mpifehe’ an-tsa toio, ie sindre miha-modo. 7 Toe mitaroñe i hihin’ Añahare
nakafitsey zahay, i hihitse naetake pak’ henaney, f’ie norizan’ Añahare taolo’ ty sa
toy hañonjona’e antika, 8 ie ninofi’ o mpifehe an-tsa toio, fa naho nifohi’ iareo, le tsy
ho pinè’ iareo i Talèn’ engeñey. 9 Fa hoe ty pinatetse:
Fihaino tsy nahaisake,
ravembia tsy nahajanjiñe,
vaho tsy nizilike añ’ arofo’ondaty
ze he’e hinalankan’ Añahare
ho a’ o mikoko azeoo.*
10 F’ie nibentabentaren’ Añahare aman-tikañe añamy Arofo’ey, fa mitsoeke ze
he’e i Arofoy, naho o raha miheotse aman’ Añahareo. 11 Aa vaho ia am’ondatio
ty mahafohiñe ze mitoloñe amy t’indaty ao naho tsy ty arofo am’indatiy? Manahake
zay, tsy fohi’ ondaty ty faharofoanan’ Añahare naho tsy i Arofon’ Añaharey.
12 Ie amy zay, tsy ty fañahi’ ty tane toy ty rinamben-tika, fa i Arofo boak’ aman’
Añaharey, soa te ho fohintika o raha natolon’ Añahare antika am-patariha’eo, 13 ie o
taroñe’aio, tsy an-tsaontsy nanare’ ty hihi’ ondaty fa amo naò’ i Arofo Masiñeio,
ie mampidodea o rahan’ Arofoo amo aman’ Arofoo. 14 Toe tsy maharambe o
rahan’ Arofon’ Añahareo ty fañereñerea’ ondatio, fa hagegeañe ama’e, tsy eo ty
hahafohina’e, amy t’ie rendreke an’arofo. 15 Mitsikaritse ze he’e ty aman’arofo, fe
tsy leo ty ila’e tsikariteñe. 16 Aa vaho:
Ia ty mahafohiñe ty faharofoana’ IEHOVÀ hañòke aze.†
Toe aman-tika ty fitsakorea’ i Norizañey.

# 3

### *Ty Firiariañe am-Pivory ao*

1 O ry longo, tsy mahafirehake ama’ areo raho hoe amo aman’ arofoo, fa hoe amo
ama’ nofotseo; hoe ajaja kede amy Norizañey. 2 Nampikamaeko ronono fa tsy hena;
amy t’ie mboe tsy nahaleo naho mboe tsy mahaleo avao. 3 Toe mbe amy nofotsey
nahareo, ie zoeñe ama’ areo ty tsikirìke naho ty lietse; aa tsy hatao t’ie amy nofotsey

† 1:31 Iir 9:23-24 * 2:9 Ies 64:3 † 2:16 Ies 40:13

hao, ie hoe ondaty tsotra ty fañaveloa' areo? [4] Kanao eo ty manao ty hoe: Mpiamy
Paoly raho, naho ty ila'e: Amy Apolosy raho; aa vaho tsy t'ie manahake ondatio avao
hao? [5] Ia arè t'i Apolosy? Ia ka t'i Paoly? naho tsy mpitoroñe nampiato anahareo, ie
sambe nitolora' i TALÈ. [6] Nitongy raho, nanondrake t'i Apolosy, fa i Andrianañahare
ty nampitombo. [7] Aa le sindre ts'inoñe i mpitongiy naho i mpanondrakey, fa i
Andrianañahare ty mpampitombo. [8] Lia'e raike ty mpitongy naho ty mpanondrake,
songa handrambe ty tambe'e mañeva i fitromaha'ey. [9] Mpifanehake aman' Añahare
zahay; teten' Añahare nahareo, fandranjian' Añahare.
[10] Ty amy falalàn' Añahare natolotse ahikoy, le hoe talèm-pandranjy ty nanda-
harako i mananta'ey, le mamboatse ama'e ty ila'e. Aa soa re te sindre mitomitse
amy ty hanovoña'ey t'indaty. [11] Fa tsy eo ty mahafañoreñe manantañe ila' i tafa-
oreñey, i IESOÀ Norizañey. [12] Aa naho eo ty handranjy amy manantañey, ami'ty
volamena, volafoty, vatosoa, hatae, ahetse, ndra setra, [13] songa hidodea ty sata'
ondaty, fa haboa' i androy, amy te ho bentareñe ami'ty afo, vaho i afoy ty hitsoke
ty hasoa-sata' ondaty. [14] Ie mahatàñe ty nandranjia' ondaty amy manantañey, le
ho tambezeñe. [15] Ie teno ty sata' ondaty le fianto ama'e. Toe ho rombahen-dre, fe
hoe nitoañe afo. [16] Tsy fohi' areo hao t'ie kivohon' Añahare, toe imoneña' i Arofon'
Añaharey? [17] Ie rotsahe' ondaty ty kivohon' Añahare, le ho mongoren' Añahare, fa
miavake i kivohon' Añaharey; inahareo 'nio.
[18] Asoao tsy hamañahy vatañe. Naho ama'areo ty mihaboke hihitse ami'ty sa toy,
soa re te hireke ho bahimo, hiha-hihitse. [19] Amy te hadagolañ' aman' Añahare ty
hihi' ty tane toy. Fa hoe ty pinatetse:
Tsepahe'e ami'ty hakante'e ty mahilala*
[20] tovo'e:
Arofoana' i TALÈ ty fitsakorea'
o mahihitseo, te tsy vente'e.†
[21] Asoao tsy ondaty ty hisengeañe, amy te fanaña' areo ze he'e; [22] Ke i Paoly, he i
Apolosy, ke i Kefasy, he ty voatse toy, ke ty haveloñe, he ty havilasy, ke o eoo, hera o
ho avio; hene anahareo; [23] a i Norizañey nahareo vaho aman' Añahare i Norizañey.

# 4

*Firàhe'i Norizañey*

[1] Ee te zao ty hatao' ondaty, te mpitoro' i Norizañey zahay, mpamandroñe o
raha mietake aman' Añahareo. [2] Mbore paiaeñe amo mpamandroñeo t'ie ho zoeñe
migahiñe. [3] Tsy loho vente'e amako ty fibiribiria' areo naho ty fañereñerea' ondatio;
fa ndra zaho tsy mizaka ty vatako. [4] Toe tsy apotako te inoñe ty hanesehañe ahy, f'ie
tsy mahahaha ahy, toe i TALÈ ro hizak' ahy. [5] Aa le ko mizaka aolo' ty andro'e, ampara'
ty fitotsaha' i TALÈ, Ie ty hampalange o raha mietake an-kamoromoroñañeo naho
ho bentabentare'e o fisafirin' arofoo; zay vaho songa ho toloran' Añahare ty engeñe
mañeva. [6] I tsaraeñey ry longo, le fa nirazañeko ami'ty vatako naho i Apolosy ty ama'
areo, soa t'ie hioke ama'ay te tsy andikoareñe o sinokitseo tsy mone hibohabohàñe
ty raike naho injeñe ty ila'e. [7] Aa vaho ia ty nampitoabotse anahareo? Inoñe ama'
areo ty tsy rinambe' areo? Aa naho toe nandrambe le inoñe ty irengea' areo hoe tsy
nandrambe?
[8] Fe eneñe nahareo! Toe mpañaleale! Fa mpanjaka ndra te tsy eo zahay! Eka,
ho nirieko t'ie nimpanjaka, hitraofa'ay fifeheañe! [9] Ataoko te napon' Añahare
amboli'e zahay Firàheñe ho sambaeñe, hoe nafàtse havetrake; amy t'ie nanoen-
ko fisambà' ty voatse toy naho o anjelio vaho ondatio. [10] Seretse zahay ty amy

* **3:19** Iob 5:13 † **3:20** Sab 94:11

Norizañey, fe mahihitse amy Norizañey nahareo! Maleme zahay fe maozatse
nahareo! Asiñeñe nahareo, vaho mavoeñe zahay! [11] Ampara' ty ora toy, le mifeake
naho miheahea zahay, rota, finofopofoke, vaho tsy aman' akiba. [12] Mifanehake,
mitoloñe amo taña'aio; ie onjireñe, itatà'ay; ie samporeraheñe, ifeaha'ay; [13] ie
terateraeñe, imanea'ay taroñe. Natao ho leotse ami'ty voatse toy zahay, forompo' ze
he'e pak' henane.
[14] Tsy nisokirako hanalatse anahareo 'nio, fa t'ie ho vereñe hoe anak' isoko. [15] Aa
ndra te ale-ale ty mpañana' areo amy Norizañey, tsy maro ty rae' areo; fa zaho
ty nampiareñe anahareo am' IESOÀ Norizañey amy talili-soay. [16] Aa le osiheko t'ie
hihambañe amako. [17] Zay ty nañitrifako i Timoty anake kokoako naho migahiñe
amy TALÈ; ie ty haniahy anahareo o satako amy Norizañeio, manahake ty fañòhako
mbeombeo amo hene Fivorio.
[18] Akore te ao ty mirengevoke hoe te tsy ho pok' ama' areo raho. [19] F'ie ho avy
aniany naho satri' i TALÈ, le tsy ho rendreko ty enta' o mpitoabotseo fa ty haozara'e.
[20] Tsy saontsy i Fifehean' Añaharey, fa ozatse. [21] Inoñe arè ty satri' areo? Hinday
doda hao t'ie pok'eo, ke fikokoañe naho hamoràn-troke?

# 5

*Anò Añombelahimavo*

[1] Fa miboele te ama' areo ty fifampirañaotañe, toe hakarapiloañe tsy amo kilakila'
ndatio: te eo ty miharo-lamba amy valin-drae'ey! [2] Akore te iebotsebora' areo! tsy
hamake ho nandala? soa te ho naitòañe i nanao zay. [3] Aa naho zaho, ndra te tsy eo
am-batañe, le miatreke an-troke vaho fa zinakako i nanao zay, manahake t'ie eo. [4] Ie
mivory amy tahina' IESOÀ Talèntikañey, le ama' areo an-troke raho, ami'ty haozara'
IESOÀ Talèntikañey, [5] aa le aseseo amy mpañìnjey indatiy handrotsahañe i haondati'e
hambo'ey, soa te ho rombaheñe ami'ty andro' i TALÈ IESOÀ i arofo'ey.
[6] Tsy mete ty firoharohà' areo; tsy fohi' areo hao te mahatsitsike ty boko'e ty lalivay
kede. [7] Kohezo soa o lalivay hambo'eo soa t'ie ho boko'e vao, manahake t'ie tsy
aman-dalivay, fa nisoroñañe ho antika i Norizañey, i Fihelan-tikañey* [8] Aa le antao
hiambeñe i sabadidakey, tsy an-dalivay hambo'e, tsy an-dalivain-kalo-tserehañe naho
haratiañe, fa ami'ty tsy aman-dalivai' i hatsò-troke naho hatòy.
[9] Nisokirako amy taratasikoy te tsy hitrao-drehake amo manao hakarapiloañeo,
[10] fe tsy t"ie ze fonga karapilo' an' tane atoy ndra ze mpihàñe naho mpikatramo
ndra ze mpañori-pahasive, amy t'ie tsy mahay tsy ho niakatse an-tane atoy. [11] Fe
nisokirako te tsy hitraofa'areo ty miantoñoñe ho longo, te mone mpandrañaotse
ndra mpitsikirìke, ndra mpitorom-pahasive, ndra mpañinje, ndra mpijike, ndra
mpikatramo. Ko itraofam-pikama. [12] Inoñe ty izakako o alafe'eo? Tsy zakae' areo
hao o ama' areoo? [13] I Andrianañahare ty hizaka o alafe'eo, fe
Aitò ama' areo i tsivokatsey.†

# 6

*Ty Mpireketse Mifanisý*

[1] He ama' areo ao ty aman-kabò ami'ty ila'e, ho vani'e hao ty miatre-jaka aolo' o
tsy vantañeo, fa tsy añatrefa' o noro'eo? [2] Ke tsy fohi' areo te hizaka ty voatse toy
o noro'eo? Aa kanao ho zakae' areo ty voatse toy, tsy fievà' areo hao ty hibiribiry
ty sisý pilipito'e? [3] Tsy fohi' areo hao t'ie hizaka anjely? Somandrake o raha mioza
ami'ty haveloñe toio? [4] Aa naho manan-ko zakaeñe ami'ty haveloñe toy nahareo,
hampizakae' areo hao ze kede amo Fivorio ao? [5] Ty hanalatse anahareo ty nanoako

* **5:7** Avo 12:3 † **5:13** Its 13:5, Oni Its 17:7,12; 19:19; 21:21; 22:21,24; 24:27

zay. To hao t'ie tsy ama' ondaty mahihitse, mahafizaka añivo' o rolongoo? 6 Te
mone maneseke rahalahy ty rahalahy, naho toe añatrefa' o tsi-miatoo! 7 Aa le gioke
nahareo, t'ie mifampiatrek' an-jaka. Tsy hamake anesehan-kakeo? Tsy ndra kitra'e
nikatramoeñe? 8 Aiy! ndra inahareo ro mandilatse fa mamerevere longo!
9 Ke amoea' areo te tsy handova i Fifehean' Añaharey o tsivokatseo. Asoao tsy
ho fañahieñe: fa ke mpañarapilo, ke mpiamo fahasiveo, ke mpila vali' ondaty, ke
mpisare ampela, ke mpila-faly, 10 ke mpampikametse, ke mpitsikirìke, ke mpitrini-
mena, ke mpiteratera, he mpikatramo, songa tsy handova i Fifehean' Añaharey*.
11 Nanahake zay ty ila' areo. F'ie nampandroañe, navaheñe, vaho nampivantañeñe
ami'ty tahina' i Talè Iesoà Norizañey naho amy Arofon' Andrianañaharen-tikañey.

### *Hakarapiloañe*

12 Sindre azoko anoeñe, fe tsy songa mahasoa. Hene azoko anoeñe, fe tsy meteko
hondevozeñe. 13 Ty fisafoa ho ami'ty mahakama naho ty mahakama ho ami'ty
fisafoa—fe ho rotsahen' Añahare ie roe. Tsy natao ho fiolorañe vìlañe ty sandriñe,
fa ho a i Talè, vaho i Talè ho a i fañòvay. 14 Natroan' Añahare i Talè vaho hatroa'e
amy haozara'ey ka tika.
15 Amoea' areo hao te fangefange amy fañova' i Norizañey o sandri' areoo? Aa
vaho hangalako ho amy tsimiriranñey hao o fangefange' i Norizañeio? Sondo'e zay!
16 Hera nofi' areo te ze mipiteke ami'ty tsimirirañe ro sandriñe raike ama'e? Fa hoe
re: Ho nofotse raike i roroey.† 17 Le arofo raike ka ty mpipiteke amy Talè.
18 Ibotitsiho o firañaotañeo. Toe alafe'e ao ze fonga hakeo anoe' ondatio, fe
mañakeo i sandri'ey ty mpañarapilo. 19 Ke tsy fohi' areo te kijà' i Arofo Masiñe
mimoneñe ama' areo ao ty sandri' areoo, ie ama' areo boak' aman' Añahare?
vaho tsy anahareo nahareo, 20 fa vinily sarotse; aa le rengeo an-tsandri' areo t'i
Andrianañahare.

## 7

### *O Fanambaliañeo*

1 Aa ty amo raha sinoki' areoo. Hàmake tsy hipaok' ampela ty lahilahy. 2 Fe ty amo
hakarapiloañeo, soa re te songa hanañe ty vali'e ty lahilahy, naho sindre hanañe ty
vali'e ty rakemba. 3 Le hañeneke ty lili'e amy vali'ey ty lahilahy, manahake zay ka ty
rakemba amy tañanjomba'ey. 4 Tsy manandily amy sandri'ey ty rakemba, fa i vali'ey;
naho tsy manandily amy sandri'ey ty lahilahy, fa i rakemba'ey. 5 Ko mifampifoneñe
naho tsy ty amo andro ilahara' areo ho fitalahoañeo, añe zay le miolora tsy mone
hazizi' i mpañìnjey t'ie tsy maha-lie-batañe. 6 Fiheveañe o rehako zay, fa tsy lily.
7 Nikitrako te sindre nanahake ahiko ondatio. F'ie songa manañe ty falalàñe natolon'
Añahare aze; etia ty aman-tsata zao le eroa ty aman-tsata zay.
8 Aa le hoe raho amo tsy amam-balio naho amo vantotseo; Soa ho a iareo ty
himoneñe hambañe amako. 9 Fa naho tsy mahalie-batañe, le apoho hañenga valy.
Hamake t'ie hanambaly ta te hiforehetse.
10 Le hoe ty atoroko o manam-balio, toe tsy zaho fa i Talè, asoao tsy hisitake ami'ty
vali'e ty rakemba. 11 (F'ie misitake, soa re te hidoñe tsy hanambaly, ke hifampirekets'
amy vali'ey indraike.) Vaho tsy hañary ty vali'e ty lahilahy.
12 Manao ty hoe amo ila'eo raho, fa tsy i Talè: Naho eo ty rahalahy amam-
baly tsi-mpiato, fe no'e ty mipiteke amy lahilahiy, le tsy haria'e. 13 Naho amam-
baly tsi-mpiato ty rakemba, ie mbe te hirekets' ama'e, le ehe tsy hampisitahe'e.
14 Amy te hampiavahe' i rakembay i vali'e tsi-mpiatoy, vaho hampiavahe' i lahilahiy
i vali'e tsi-mpiatoy; naho tsy zay tsy ho nalio o ana' areoo, f'ie amy zao, miavake.

* **6:10** Gal 5:19-21, Efe 5:3-5 † **6:16** Fot 2:24

15 Aa naho te hifampiria’ ty tsi-miato, le apoho homb’eo, fa tsy mpirohy i rahalahiy
ndra i rahavavey; fe mikanjy antika hifampilongo t’i Andrianañahare. 16 Fa aia ty
hahafohina’o, ry rakembao, ke ho rombahe’o ty vali’o? Le aia ty hahafohina’o, ry
lahilahio, he ho rombahe’o ty tañanjomba’o? 17 fe soa re te songa mañavelo amy
tinendre’ i TALÈ azey, amy sindre nikanjian’ Añahare azey, zay ty fanoroako amo
Fivory iabio. 18 Nikanjieñe t’ie sinavatse hao? aa le tsy ho faohe’e i fisavara’ey;
nikanjieñe t’ie tsy nisavatse hao? soa re te tsy ho savareñe. 19 Ts’inoñe o savatseo;
ts’inoñe ka ty tsy fisavarañe; fa ty fañambenañe o lilin’ Añahareo*. 20 Aa le songa
mijohañe amy nikanjiañe azey t’indaty. 21 Niondevo hao t’ie kinanjy? Ko ahoa’o; fe
naho mete’o ty mihaha, le mihahà. 22 Le ty nikanjieñe amy TALÈ ao t’ie ni-ondevo ro
haha amy TALÈ; le ty nikanjieñe t’ie midada ka, ro fetrek’ oro i Norizañey†. 23 Vinily
sarotse nahareo, aa le ko miondevo ama’ ondaty. 24 O ry longo, sambe mimoneña
aman’ Añahare amy nikanjiañe azey.

### *Ty Somondra naho ty Vantotse*

25 Aa ty amo somondrarao, tsy amako ty lili’ i TALÈ; f’ie manolo-kevetse amy te
niferenaiña’ i TALÈ ho matoe. 26 Aa le ataoko te mahasoa, ty amo faloviloviañe
henaneo, te mijohañe amy azey avao t’indaty. 27 Ihe mirekets’ aman-drakemba?
ko mipay ho votsotse. Ihe mihaha an-drakemba, ko mangala-baly. 28 F’ie mañenga
valy, tsy hakeo, lehe engaeñe ty somondrara, tsy aman-tahiñe, fe ho volevolèn-draha
ami’ty haveloñe toy, ie ho nikalañako.

29 Fe zao ty volako, ry longo: Tomotse o androo, aa ie henane zao, soa re te hanao
hoe tsy manam-baly o amam-balio, 30 naho hoe tsy miharovetse o mirovetseo, naho
hoe tsy mirebeke o mirebekeo, naho hoe tsy mahazo o mivilio, 31 vaho hoe tsy
mijorobo ami’ty haveloñe toy o mitoloñe ama’eo, fa mihelañe ty vinta’ ty voatse
toy. 32 Kitrako te tsy ni-tsimboetse nahareo. Midare o raha’ i TALÈo ty tsy manam-
baly, hampiehake i TALÈ. 33 F’ie midare o raha’ ty tane toio i manambaliy, ty
hampinembanebañ’ i vali’ey. 34 Miambake ka ty rakemba naho ty somondrara; dare’
i tsy amam-baliy i Talè, ie te hiavake an-tsandry naho an-troke. Fe tsiborehetohe’
o raha’ ty tane toio i amam-baliy, ty hahafale i vali’ey. 35 Ty hahasoa anahareo ty
nanoako zao, tsy t’ie hanao bozizy, fa ty hañonjonako ze mañeva, tsy hañembetse
ty fiatraha’ areo i TALÈ.

36 Fa naho eo ty mitsakore te tsy mañeva i anak’ ampela’ey i fanoe’ey, ie fa miha-
àñoñe, naho atao’e te toko’e henefañe, le ee te hanoe’e i satri’ey, ie tsy aman-kakeo,
apoho hengaeñe. 37 Fe i migahiñe añ’ arofo’ey, ie tsy embetse, midada amo azeo,
naho fa nanampa-kevetse añ’arofo ao te ho tana’e i somondrara’ey, le manao soa.
38 Aa le manao soa i mampañenga i somondrara’ey, fa lombolombon-kasoa ty tsy
mampañenga.

39 Fehè’ o lilio ty rakemba ie mbe veloñe ty vali’e; fe naho vilasy i vali’ey le votsotse
re hanambaly ze tea’e amy TALÈ ao. 40 Ho soa tata t‘ie nitoboke amy zao avao, hoe ty
ereñereko, ie ataoko te amako ka i Arofon’ Añaharey.

# 8

### *Mahakama Soroñeñe an-Kazomanga*

1 Aa ty amo raha banabanaeñe amo hazomangaoo: ataon-tika te songa aman-kilala
tika; mampiebotsebotse ty hilala, fe mampiraorao ty koko.

* **7:19** Rom 2:26,29 † **7:22** Efe 6:6, Pe I 2:16

2 Naho eo ty mieva t'ie mahafohin-draha, le mboe tsy ama'e ty hilala do'e. 3 Fe
arofoanan' Añahare o mikoko azeo. 4 Aa ty amo fikamañe raha nisoroñañe an-
kazomangao, fohin-tika te tsitantane atoy ty samposampo, naho te Raike tsi-roe-tsi-
telo t'i Andrianañahare. 5 Aa ndra te ao ze o ndrañahareo, ke andindìñe añe, he
an-tane atoy (toe maro o 'ndrañahareo mbore tsifotofoto o talèo), 6 fe aman-tika,
raike t'i Andrianañahare, i Rae niboaha' ze he'e naho iveloman-tikañey; Raike ka i
TALÈ IESOÀ Norizañey—ie ty nanoeñe ze kila raha, naho itika añama'ey. 7 Fe mboe
tsy ama' ze hene ondaty i hilala zay. Ty ila'e, ie zatse i hazomangay am-para' henane,
ro mikama hoe te binanabana an-kazomanga, vaho mahativa i arofo'ey i haleme'ey.
8 Toe tsy fañarineañe aman' Añahare ty mahakama; le tsy mahafotsake t'ie tsy
mikama, vaho tsy onjoñe'e te tsy mikama. 9 Fe mitaòa, kera ho vato mahatsikapy o
maifoifoo ty fidadàn' arofo' areo. 10 Amy t'ie mahaisak' azo t'indaty, te ihe mahilala ro
mikama an-toe' i hazomangay, le va'e mahaosike i tsy maozatse añ'arofoy ty hikama
i haneñe binanabana amo raham-pahasiveoy. 11 Aa akore te hianto ty amy hilala'oy
i longo'o maifoifo nivilasia' i Norizañeiy. 12 Aa ie mandilatse aman-drolongo ro
mahafere i arofo'e malemey, le aman-tahiñe amy Norizañey. 13 Aa naho hampanan-
kakeo i longokoy ty mahakama, le tsy hikama hena kitro katroke raho, tsy mone
hamingan-dongo.

# 9

## *Ty Zo o Firaheñeo*

1 Tsy midada hao raho? Tsy Firàheñe v'irahoo? Tsy fa nitreako hao t'IESOÀ
Talèntika? Tsy satako amy TALÈ v'inahareo? 2 Aa ndra t'ie tsy Firàheñe ami'ty ila'e,
toe izay ama' areo, ie tombo-kalama' ty maha-Firàhe' i TALÈ ahy. 3 Inao ty fatoiko
amo mandohy ahio: 4 Tsy aman-jo hihinañe naho hinoñe v'izahay? 5 Tsy zo'ay hao ty
minday valy mpiato hindre lia ama'ay manahake o Firàheñe ila'eo, naho i rahalahi'
i TALÈ rey vaho i Kefasy? 6 Ke zaho naho i Barnabasy avao ty tsy aman-jo hitroatse
amy fitoloña'aiy.
7 Ia ty lahin-defoñe miato amy vara'ey hihotakotake? Ia ty mambole valoboke tsy
mikama amo voa'eo? Ia ty mpiarake tsy mandriotse amy lia-raikey? 8 Mivolañe
ami'ty haondatiko raho, fa toe tsarae' i Hake, 9 ie pinatetse amy Hà' i Mosèy ao ty
hoe:
Ko mameo ty añombe mandisam-bare. *
O añombeo hao o ambenan' Añahareo? 10 Ke itika i nitsarae'ey? Eka! pinate'e ho
an-tikañe, soa te hiava am-pitamàñe ty mpiava, naho hitamà ty anjara'e i mpitatakey.
11 Aa naho añ' arofo ty nitongisa'ay ama' areo, ho raha jabajaba hao ty hanifoa'ay
ty ho paia' ty sandriñe? 12 Aa naho aman-dily hitake ama' areo ty ila'e, tsy sandrake
zahay? Fe tsy rinambe'ay i lily zay, fa mifeake amy ze he'e, tsy mone ho sebañe'ay
ty talili-soa' i Norizañey.
13 Tsy fohi' areo hao te mikama amo mahakama' i anjombaio o mpitoroñe amy
Masiñeio, naho mitraok-anjara amy kitreliy o mpiatrake i kitreliio? 14 Natoro' i TALÈ
ka te ho veloñe amy talili-soay ty mitaroñe i talili-soay. 15 Fe tsy nirambesako; toe
tsy t'ie handrambe izay ty nanokirako, eka hàmake t'ie hikenkañe ta te ho koaheñe
o fisengeakoo. 16 Ie taroñeko i talili-soay, tsy eo ty isengeako, amy te nafantoke;
eka, hankàñe amako naho tsy taroñeko i talili-soay. 17 Naho satriko i fitoloñañey le
ho tambezeñe; fe ndra tsy satriko, tsy mete tsy anoeko avao fa nafantoke amako i
fitoroñañey. 18 Inoñe arè ty tambeko? Te, ie taroñeko i talili-soay, ro atoloko tsi-am-
bili'e, soa tsy handrambesako zo amy talili-soay.

* **9:9** Its 25:4

19 Aa ndra t’ie votsotse am’ iabikey, niondevo am’ ie iabiy, hahareketse ty maro;
20 Tamo Jiosio raho, nanao hoe Jiosy, hahareketse Jiosy; ie ami’ty ambane’ Hàke
le anoeko hoe ambane’ Hake, ndra te tsy ambane’ Hake, hahareketse ze ambane’
Hake; 21 ami’ty tsy aman-Kàke ro anoako hoe tsy aman-Kake, (toe tsy afake amy Han’
Añaharey raho kanao ambane’ o Hà’ i Norizañeio) soa te ho azoko ze tsy aman-Kake;
22 amo maifoifoo raho manao maifoifo, handreketse o maifoifoo. Fonga tsikombèko
amy ze lafi’e iaby, hahareketse ty ila’e amo sata’e iabio. 23 Anoeko ty amy talili-soay,
ho mpitraok’ amy voka’ey.
24 Tsy fohi’ areo hao te songa milay o mpanao tsikaviaviao, fe raike avao ty
mandrambe tambe? Milaìsa arè hahagioke. 25 Toe milie-batañe amy ze he’e ty te
hahimbañe amo fifandreketañeo. Anoe’ iereo ty handrambesañe sabakan-drenge
ho lo, fa itikañe ka, i tsy ho momokey. 26 Aa le milay raho, tsy t’ie hañeañe tsy aman-
talifireñe; mikomondro, fe tsy t’ie mpamofò-tioke. 27 Ampivohoreko ty sandriko vaho
ondevozeko, soa t’ie mitaroñe ami’ty ila’e ro tsy haito.

# 10

### *Hatahata ami’ty Talily Taolo’ Israeley*

1 Tsy teako hamoea’ areo, ry longo, ie songa tambane’ i rahoñey naho sindre
niranga i riakey o roaen-tikañeo, 2 naho fonga nalipotse amy Mosè ao amy rahoñey
naho amy riakey, 3 songa nikama i hanen’ arofoy, 4 sindre ninoñe amy ranon’
arofoy; ninoma’ iareo i vaton’ arofo nañorikey. Toe i Norizañey i vatoy. 5 Fe tsy
ninòn’ Añahare ty hamaroa’e, vaho binaibai’e an-dratraratra añe. 6 Ie fandrazañañe
amantika, te tsy hañiry hatsivokarañe manahake o hadrao’ iareoo. 7 Le tsy hiato am-
pahasive manahake ty ila’e. Hoe ty pinatetse:
Niambesatse ondatio
nikama naho ninoñe,
vaho niongake hihisa.*
8 Asoao tika tsy hañarapilo manahake ty nanoe’ ty ila’ iereo vaho ro’ale-tsi-telo-
arivo ty nizamañe ami’ty andro raike. 9 Asoao ka tika tsy hitsoke i TALÈ, manahake
ty nitsoha’ iareo vaho nampihomaha’ o mereñeo. 10 Le ko miñeoñeoñe manahake
ty nanoe’ ty ila’e vaho rinotsa’ i mpandrotsakey. 11 Toe nanoeñe ho fandrazañañe i
nifetsake am’iereo rezay vaho sinokitse hañòke antika nitsatoha’ o sa honka’e zao.
12 Aa le mitaoà ry manao te mijohañe, tsy mone hikorovoke.
13 Tsy nifetsaham-panjiziañe ila’ ze mahazatse ondatio nahareo; migahiñe t’i
Andrianañahare, tsy hapò’e ho zizieñe mandikoatse ze lefe, fa mindre amy
fanjiziañey ro hitolora’e ty hihaha’ areo, hahafifeake.

### *Ty Bodomom-pahasive ke ty Sabadidak’ i TALÈ*

14 Ie amy zay ry longo, ibolitiro ty fahasive. 15 Milañoñe hoe am’ ondaty mahihitse
raho: niniho o entako zao. 16 Tsy fitraofañe amy lio’ i Norizañeiy hao i fitovim-
pañandriañañe andriañen-tikañey? tsy fitraofañe amy fañòva’ i Norizañeiy hao i
mofo folahen-tikañey? 17 Amy te itika maro ro vonga-mofo raike, naho fañòva raike,
fa songa ifahana’ i vonga raikey. 18 Oniño t’Israele ty amo nofotseo: tsy mpitraoke
amy kitreliy hao o mikama o nisoroñañeo?
19 Ino ty teako ho volañeñe: Amam-bente’e hao o fahasiveo, manjofake hao
o raha soroñeñe amo samposampon-drahao? 20 Inao o entakoo: ty fisoroña’ o
kilakila’ ondatio ro isoroñañe aman-kokolampa fa tsy aman’ Añahare,† vaho tsy
teako t’ie hitraok’ amo kokolampao. 21 Tsy aharo finomañe ty fitovi’ i TALÈ naho

---

* **10:7** Avo 32:6 † **10:20** Sor 17:7, Its 32:17

ty korobon-kokolampa; tsy atraoke amy fandambaña' i Talèy ty tihin-kokolampa.
22 Mampamarahy i TALÈ hao tika? Maozatse te ama'e hao tika?

*Ty Fidada' o Mpiatoo*

23 Sindre azo anoeñe, fa tsy songa mahasoa; sambe mete, fe tsy hene mampitombo.
24 Asoao tsy ho eo ty hipay hampiraorao ty vata'e, fa ty ila'e. 25 Kamao ze aletake
an-tsena ao fa ko añontaneañe, hampimarimarihañe ty arofo.
26 A i TALÈ ty tane toy naho ze halifora'e.‡
27 Ihe ambara' ty tsi-miato, naho no'o ty homb' ama'e ao, le ikamo ze azotso'e,
fe ty amo hamarimarihañeo, ko mañontane. 28 Aa naho eo ty manao ama'o ty
hoe: Nisoroñañe am-pahasive 'n-itoy, le ko ikama'o kanao nisaontsia'e, naho ty amy
fitsakoreañey. 29 Fitsakoreañe, hoe raho, tsy ty azo fa i azey. Fa ino ty izaka' ty
ereñeren-tro' ondatio ty fidadàko? 30 Aa naho ikamako am-pañandriañañe le ino ty
ifosàñ' ahy amy nañandriañakoy?
31 Aa ke mikama he minoñe, hera inoñ' inoñe ty anoe' areo, hene anò
handrengeañe an' Andriananañahare. 32 Ko mampitorifike o Jiosio ndra o Grikao, ndra
i Fivorin' Añaharey, 33 hambañe ami'ty ampifaleko ze fonga ondaty amy ze raha iaby,
ty tsy ipaiako tombo'e ho ahy, fa ho a i màroy, soa t'ie ho rombaheñe. 34 Tsikombeo
raho hambañe amy te zaho ka ro mpiamy Norizañey.

# 11

*Ty Sata Mañeva o Fitalahoañeo*

1 2 Ty andrengeako anahareo ry longo, le t'ie mahatiahy ahy amy ze he'e, naho
tambozore' areo o nafèn-droaeo, ami'ty do'e nitaroñako. 3 Fa teako ho fohi' areo
te lohà' ze hene 'ndaty i Norizañey*, le lohà' ty rakemba ty lahilahy; le lohà'
i Norizañey t'i Andriananañahare†. 4 Toe manalatse ty añambone'e ze lahilahy
mikolopoke naho mihalaly ndra mitoky. 5 Fa manalatse ty añambone'e ka ze
rakemba tsy mampikolopoke ty añambone'e t'ie miloloke ndra mitoky—fa hambañe
amy te niharatse. 6 Aa naho tsy mete mikolopo-doha ty rakemba, le hamake te
hiharatse. Fe naho mahasalatse i rakembay te ho harateñe ndra hitsifañe le soa re
te hikolopo-doha‡. 7 Tsy kolopofa' ty lahilahy ka ty añambone'e, amy t'ie ty vintan'
Añahare naho ty enge'e; le ty rakemba ro engen-dahilahy. 8 (Toe tsy niboak'ami'ty
rakemba ty lahilahy, fa ami'ty lahilahy ty rakemba.) 9 Eka, tsy nitsenèñe ho a ty
rakemba ty lahilahy, fa ty rakemba ho a ty lahilahy. 10 Ty amy tsraeñey le soa re te
añambone' i rakemba ty viloñe t'ie aman-dily, ty amo anjelio. 11 Ie amy zao, amy Talè
ao, le tsy mifampiria ami'ty lahilahy ty rakemba, vaho tsy mihaha ami'ty rakemba ty
lahilahy. 12 Le hambañe amy te boak'ami'ty lahilahy ty rakemba te añamy rakemba
ka o lahilahio; vaho kila boak' aman' Añahare. 13 Mifañarraharà: Mañeva ty rakemba
hao ty miloloke aman' Añahare tsy mikolopoke? 14 Aa tsy anare' o sata' ty tane toio
hao te manalatse o lahilahio ty maròy lava? 15 Fe naho apò' ty rakemba ho lava ty
maroi'e, le enge'e; amy te nitoloreñe aze ho fandrakofañe o maroi'eo.
16 Aa naho eo ty te handietse, tsy aman-dilitse ila'e tika ndra o Fivorin' Añahareo.

*Bodomomoke Mahamomoke*

17 Fe amo taroñeñe zao, tsy rengeko nahareo; ie tsy mifanontoñe ho ami'ty hasoa,
fa ho ami'ty haraty. 18 Valoha'e, naho mifanontoñe ho Fivory, inao t'ie mifampiriaria,
fe mete hiantofako. 19 (Toe tsy mahay tsy ama' areo avao ty fifampitolahañe
hampidodeàñe o niventèñe ama' areoo.)

‡ **10:26** Sab 24:1, 50:12 * **11:3** Efe 1:22, 4:15, 5:23 † **11:3** Fot 3:16, Ko I 3:23, Jao 14:28 ‡ **11:6** Vol 5:18

[20] F'ie mifanontoñe, toe tsy ty hikama i sabadidak' i Talèy, [21] fa mikama, songa
mandrambe ty mahakama'e heike; le ao ty kerè vaho ao ty jike. [22] Hete! Tsy
songa manañe anjomba hao hikamà'e naho hinoma'e? Ke rabioñe' areo ty Fivorin'
Añahare, naho salare' areo o rarakeo? Aa ino ty hitaroñako? Ho rengèko amy zay
hao nahareo? Tsy hirengèako!

*Ty Sabadidak'i Talè*

[23] Fa rinambeko amy Talè, i nitaroñakoy, te nandrambe mofo t'i Talè Iesoà amy
haleñe nifoterañe azey; [24] nañandriañe re le finola'e vaho nanao ty hoe: Intoy ty
sandriko ho anahareo, anò zao ho fitiahiañe ahy. [25] Hambañ' amy zay, rinambe'e i
fitoviy, ie fa nikama, le nanao ty hoe: Fañina vao ami'ty lioko ty fitovy toy. Anò zao
amy fikama' areo aze ho fitiahiañe ahiko. [26] Aa le amy ikama' areo ty mofo toy naho
inomañe ty fitovy toy, ro mitaroñe ty havilasi' i Talè ampara' ty fitotsaha'e.
[27] Aa ndra ia ia mikama amy mofoy ndra minoñe amy fitovi' i Talèy ami'ty tsy
fañeva'e, le aman-kakeo ami'ty fañòva naho ami'ty lio' i Talè. [28] Aa le tsy mete tsy
hitso-batañe heike ondatio vaho hikama amy mofoy naho hinoñe amy fitoviy. [29] Amy
t'ie mikama naho minoñe ro mikama naho minoñe fàtse ami'ty vata'e naho ie tsy
maharedreke i fañovay. [30] Zay ty mampaifoifo naho mahasiloke maro ama'areo,
mbore nampiròtse ty ila'e. [31] Ie mahafitsò-batañe ami'ty hatò tika le tsy ho zakaeñe.
[32] F'ie zakaeñe, lilove' i Talè tsy mone hatrao-pàtse ami'ty voatse toy. [33] Ie amy zao, ry
longo naho mifanontoñe hikama, mifandiñisa. [34] Naho eo ty saliko, soa re te hikama
añ'anjomba'e añe, tsy mone hivory hafàtse. Halahareko ho anahareo ami'ty fiàviko
o raha ila'eo.

# 12

*o Falalàn-Trokeo*

[1] Ty amo falalàn' arofoo, ry longo, tsy teako hamoea' areo. [2] Fohi' areo t'ie
mbe nifehèa' ty voatse toy*, le nampandriheñe mb'amo raha fahasive moañeo, toe
nikozozoteñe mb'eo. [3] Aa le ampahafohineko, te tsy ia ty ampivolañe' i Arofon'
Añaharey ty hoe: Afàtse t'Iesoà, vaho tsy eo ty mahafisaontsy ty hoe: Iesoà ro Talè,
naho tsy i Arofo Masiñey.
[4] Miambakambake o falalàñeo, fe raike i Arofoy. [5] Mizarazara o fitoroñañeo, fe
raike t'i Talè. [6] Ankafankafa o tolon-drahao fe raike t'i Andrianañahare mifanehake
ami'ty halifora' ze he'e, vaho [7] songa anolora'e vintañe raike boak' amy Arofoy
ho fañasoàñe i màroy; [8] anolora'e tsaran-kihitse amy Arofoy ty raike, le tsaran-
kaharendrehañe amy Arofoy ty ila'e, [9] le fatokisañe amy Arofoy ty ila'e, naho falalàm-
pampijangañe amy Arofoy avao ty ila'e [10] naho fanoan-draha-tsitantane ty ila'e naho
fitokiañe ty ila'e naho fahatsikaritam-pañahy ty ila'e naho fisaontsy-ankafankafa ty
ila'e vaho fandikañe fisaontsy ty ila'e. [11] Fe Arofo raike ty manao i hene rezay, songa
andiva'e ze satrie'e.

*Foto'e Raike, Singa'e Maro*

[12] Aa le hambañe amy te raike ty sandriñe fe maro o fangefange'eo, le ndra te
maro o fangefange'eo, toe sandriñe raike, manahake zay i Norizañey. [13] Toe ami'ty
Arofo raike tika ro songa nalipotse amy fañòvay ao—ke Jiosy he Grika, ke ondevo he
midada—sindre nampinomeñe amy Arofoy.
[14] Toe tsy raike o fangefange an-tsandriñeo fa maro. [15] Aa naho nanao ty hoe
ty fandia: Kanao tsy fitàn-draho, tsy mpiamy fañòvay. Tsy manebañe aze tsy ho
mpitraoke amy sandriñey zay. [16] Le ie manao ty hoe ty ravembia: Kanao tsy fihaino
raho, tsy mpiamy fañòvay. Tsy mikalañe aze tsy ho mpitraoke amy sandriñey zay.

* **12:2** Efe 2:11, 4:17, Pe I 4:3, Te I 4:5

17 Naho ni-fihaino iaby i fañòvay, aia ty hijanjiña'e? Naho ni-fijanjiñañe iaby, aia ty
hiantsona'e? 18 Ie amy zao, songa nalahan' Añahare amy satri'ey o mpitraok' amy
fañòvaio. 19 Aa naho sindre raha raike avao o fangefangeo, ino ty maha sandriñe
aze? 20 Ie amy zao, maro o fangefangeo fe raike ty sandriñe. 21 Tsy mahavolañe
ty hoe ami'ty fitàñe ty fihaino: Tsy paiako rehe; ndra ty añambone amo fandiao ty
hoe: Tsy ipaiako. 22 Fe o mpitrao-tsandriñe atao malemeio ro toe paiàñe. 23 Mbore
onjonen-tika o amy sandriñe ataontika ho ambane lohàñeo, naho ampihaminen-
tikañe engeñe o fangefange tsy sengeñeo, 24 f'ie tsy paia' o fangefange mahaboleakeo,
fa rinanjin' Añahare ho raike i fañòvay vaho tinolo'e asiñe ambone o fangefange tsy
aman' asiñeo, 25 soa tsy hifañambakambake i fañòvay, fa hene hifampiatrake mira
o fangefangeo. 26 Aa ie misotry ty fange'e raike, mindre miore ama'e o fangefangeo;
ie asiñeñe ty fange'e, le miharo firebeke ama'e o fangefangeo.

27 Toe fañòva' i Norizañey nahareo, songa fangefange ama'e. 28 Le nitendrèn'
Añahare amy Fivoriy ho valoha'e o Firàheñeo; faharoe o mpitokio, fahatelo
o mpañokeo, le o raha-tsitantaneo, le o falalàm-panahàñeo, o fañimbàñeo, o
fifeheañeo vaho o saontsy ankafankafao.

29 Songa Firàheñe hao? Sindre mpitoky hao? hene mpañoke hao? Sindre mpanao
raha tsitantane hao? 30 Fonga amam-palalàm-panahàñe hao? Sindre misaontsy am-
pameleke hao? Hene mpandika hao? 31 Fe imaneo o falalàñe amboneo vaho mbe
hitoroako ty sata fanjàka.

# 13

*O Fikokoañeo*

1 Ie mirehake am-pamele' ondaty naho anjely raho fe tsy amam-pikokoañe le feon-
torisìke mikontsiañe naho fikatsakatsañan-kantsàñe avao. 2 Ie mahafitoky naho
maharendreke ze hene mietake naho ze atao hilala vaho lifo-patokisañe mahaveve
vohitse fe tsy aman-koko, le kafoake. 3 Naho koàheko o varakoo hamahànako o
rarakeo mbore afoeko ho foreheteñe ty sandriko, f'ie tsy aman-koko, le tsy mahasoa
ahy.

4 Mahaliñe ty koko naho matarike, tsy mamarahy ty koko, tsy miebotsebotse ty
koko vaho tsy mirengevoke; 5 tsy mijaranjaràñe, tsy mipay ty aze, tsy mora boseke,
tsy mitorifike; 6 tsy ifalea'e ty hatsivokarañe, fe irebeha'e ty hatò; 7 Hene vavè'e,
fonga iantofa'e, songa tamàe'e, sindre ifeaha'e.

8 Tsy milesa ty koko; fe hihelañe ty fitokiañe, le hijihetse ty filikolikoañe, vaho
hasaok' añe ty hilala. 9 Mahafohiñe ty ila'e tika vaho mitoky ty pila'e. 10 F'ie miboak'
eo ty fonitse, le himosaoñe añe o am-paha'eo. 11 Ie niajaja raho, nirehake hoe
ajaja, nandrèndreke hoe ajaja, nitsakore hoe ajaja; zaho bey le nadòko o hajajàñeo.
12 Henaneo mahaisake hoe an-ketsoro malompolompo; ie añe, hifampiatre-daharañe.
Maharendreke ty ila'e raho henaneo, f'ie añe ro hahafohiñe hambañe amy te
arofoanañe.

13 Sehanga'e henaneo, ty fatokisañe, ty fitamàñe, ty fikokoañe, i telo rezay; fe
lohà'e ty fikokoañe.

# 14

*Hitoky he Hilikokilo*

1 Imaneo fikoko; le salalao o añ' arofoo, àntsake ty fitokiañe. 2 Amy te tsy misaontsy
ama' ondaty ty milikoliko fa aman' Añahare, le tsy fohi' ondaty; amy te an-tro'e
ty isaontsia'e raha mietake. 3 Fe misaontsy am' ondatio ty mpitoky, mampiraorao,
mañosike vaho mampanintsiñe. 4 Mañasoa ty vata'e ty milikoliko, fe mañonjoñe i

Fivoriy ty mpitoky. 5 Niteako te songa nilikoliko, fe kitrako t’ie mitoky. Losore’ ty
mpitoky ty mpilikoliko tsy mampibejañe hañasoa i Fivoriy. 6 Ie amy zao ry longo,
naho pok’ ama’ areo ao raho milikoliko, ino ty hañasoa anahareo naho tsy itaroñako
famentabentarañe, ndra hilala, ndra fitokiañe, ndra fañòhañe?
7 Fa ndra o raha tsy veloñe mañaka-peoo, he soly ke marovany, naho tsy
miambakambake o feo’eo, aia ty haharendrehañe ty anoe’ i soliy ndra i marovaniy?
8 Ie popoe’ i antsivay ty feo tsy fohiñe, ia ty hihentseñ’ aly. 9 Inahareo ka, naho
tsy ampivolañem-pameleke ty saontsy malange, aia ty aharendrehañe i tsaraeñey?
amy t’ie hisaontsy an-tioke. 10 Va’e tsifotofoto ty karazan-tsaontsy ami’ty voatse toy,
leo raike ty tsy aman-dika’e. 11 Fe naho nofiko ty dika’ i saontsiy le alike amako i
misaontsiy, le ho alike amy misaontsy ka raho. 12 Inahareo ka, kanao sinda hanam-
palalàn’ arofo, imaneo ty hampiraorao i Fivoriy. 13 Le soa re te ihalalia’ i milikolikoy
t’ie hahafandika. 14 Amy t’ie miloloke am-pameleke hafa, miloloke ty troko, fe tsy
mamokatse ty fitsakoreako. 15 Inoñe aré? Toe hihalaly an-troko naho hihalaly am-
pitsakoreañe, hisabo an-troko vaho hisabo am-betsevetse. 16 Naho tsy zay, ie mitata
an-trok’ao avao, aia ty hanoe’ i tsy niokey ty hoe: Ie zay! amy fañandriaña’oy kanao
nofi’e i saontsi’oy. 17 Ndra te soa i fañandriaña’oy, tsy nahasoa ty ila’e. 18 Andriañeko
t’i Andrianañahare te hene ilikoarako likoliko; 19 f’ie am-pivory ao, hamake te minday
saontsy lime am-pitsakoreañe, hañòhako o ila’eo, ta te milikoliko an-tsara rai-ale.
20 O ry longo, ko miha-ajaja am-betsevetse; eka, manoa hoe ajaja-kede am-
palaiñañe, fe miañoña an-kihitse. 21 Pinatetse amy Hake ao ty hoe:

Am-pameleke ankafankafa naho am-pivimbin’ ambahiny
ty hitaroñako am’ondaty retiañe;
fe ndra te zay, mbe tsy hitsendreñ’
ahy iereo, hoe t’i Talè.*

22 Aa le nanoen-ko viloñe o likolikoo; tsy ho a o mpiatoo fa ho a o tsi-miantokeo;
vaho tsy nanoeñe ho a o tsy miantokeo ty fitokiañe fa ho a o miatoo. 23 Naho tsy
zay, ie songa mifanontoñe ty Fivory, naho sindre milikoliko, vaho ie mizilike ao ty
tsy mahafohiñe ndra o tsi-miantokeo, tsy hanoa’e t’ie gegegege hao? 24 Fe naho hene
mitoky, le ie mizilike ao ty tsi-miantoke ndra ty bahimo, songa hampiantok’ aze,
sindre hampamotopotots’ aze 25 amy te naborake o mietake an-tro’eo; le hibaboke
an-dahara’e eo re hitalaho aman’ Añahare vaho hitaroñe ty hoe: Toe ama’ areo etoa
t’i Andrianañahare!

### *Fitalahoañe Mañeva*

26 Akore amy zao ry longo? ie mifanontoñe, songa manàña sabo naho lañonañe
naho famentabentarañe, naho likoliko miharo fandikàñe, vaho hene hanoeñe
ho fampiraoraòañe. 27 Naho eo ty milikoliko he roe, tsy mandikoatse telo, le
ifandimbezañe, vaho tsy mete tsy am-pandika. 28 F’ie naho po-pandika, le hianjiñe
te am-Pivory ao, fa añ’arofo’e naho aman’ Añahare ty hitangongoa’e. 29 Ampilañono
ty mpitoky telo ndra roe, le handanjalanja o ila’eo. 30 Ie entoeñe ka ty miambesatse,
le hianjiñe ka i valoha’ey. 31 Hene mahazo mitoky am-pifandimbezeñe, soa te sindre
hianatse, songa hosiheñe. 32 Ie amy zao iambanea’ ty arofo’e ty mpitoky. 33 Amy
te tsy fifandrakarakàñe t’i Andrianañahare fa fanintsiñañe. Hambañe amo fivori’
o noro’eo iabio, 34 le hitam-pianjiñañe am-Pivory o rakembao, tsy apoke hisaontsy
fa hiambane, ty amy pinatetse amy Hake ao†. 35 Naho te hañontane iereo, le songa
hañontane ty vali’e añ’anjomba’e ao; fa mahasalatse naho misaontsy am-Pivory ao
ty rakemba. 36 Hete! Niboak’ ama’ areo hao i tsaran’ Añaharey? Hera, inahareo
avao ty nivotraha’e?

---

* **14:21** Ies 28:11,12 † **14:34** Fot 3:16

37 Naho eo ty mieva ho mpitoky, ndra aman’ arofo, soa re te hahatsikarake te lili’
i Talè o sokirekoo. 38 Aa naho eo ty tsy maharendreke, apoho re tsy hahafohine.
39 Ie amy zao ry longo milozoha fitokiañe vaho ko rarà’ areo ty milikoliko; 40 fa hene
anòeñe ami’ty fañeva’e naho am-pahendreañe.

# 15

*Ty Fivañonan-ko velo’i Norizañey*

1 Te hampandrendreke anahareo henaneo, ry longo, i talili-soa nitaroñakoy, i
rinambe areoy naho ijohaña’ areoy; 2 i entañe nitaroñakoy le maharombake te
vontitireñe, tsy mone tsy vente’e i natokisa’ areoy.
3 Fa nitaroñeko ama’ areo ty lohà’ i rinambekoy, te nivilasy ho a’ o hakeon-tikañeo
i Norizañey ty amo Sokitse Masiñeo, 4 le nalenteke vaho natroatse amy andro faha-
teloy ty amo Sokitse Masiñeo, 5 le nisodehañe amy Kefasy vaho amy folo-ro’amby
rey. 6 Ie añe, le niboak’ aman-drolongo mandikoatse ty liman-jato; mbe veloñe ty
hamaroa’e henaneo, fe miròtse ka ty ila’e. 7 Le nipoteake am’ Iakobe re naho amo
Firàheñe iabio, 8 fara’e nisodehañe amako, zaho hoe ajaja tsy añom-bolañe; 9 toe
tsitso’ o Firàheñe iabio vaho tsy mañeva hatao Firàheñe, amy te nisampореraheko
i Fivorin’ Añaharey. 10 Fe i fatarihan’ Añaharey ty maha zao ahy; naho tsy nizoeñe
ho kòake i falalà’e amakoy, fa nitromake mandikoatse iereo iaby; toe tsy zaho, fa
ty hasoan’ Añahare amako. 11 Aa ke zaho he iereo, nitaroñe zahay vaho niantoke
nahareo.

*O Fivañonan-ko Veloñeo*

12 Aa naho tseizeñe te nitroatse amy havilasiy i Norizañey, akore te manao ty hoe
ty ila’e ama’ areo, te, Tsy eo ze o fivañona’ o vilasio zao? 13 Fe naho tsy ampitroareñe
o havilasio, le tsy nitroatse ka i Norizañey. 14 Aa naho tsy natroatse i Norizañey, le tsy
jefa’e o fitaroña’aio vaho kòake ty fatokisa’ areo, 15 mbore zoeñe t’ie valolombelom-
bande aman’ Añahare, amy te nitaroñe’ay ty aman’ Añahare te natroa’e i Norizañey,
fe inao tsy natroa’e—ze ho nito naho tsy mivañom-beloñe o vilasio. 16 Aa naho
tsy mitroatse o fañòvao, le tsy natroatse ka i Norizañey. 17 Aa naho tsy natroatse i
Norizañey le tsi-vara ty fatokisa’ areo, fa mbe amo hakeo’ areoo 18 vaho fa momoke
ka o miròtse amy Norizañeio. 19 Aa naho ty haveloñe toy avao ty itamantika i
Norizañey, le amy ze hene ondaty itika ro lombolombo’ ty mahaferenay.
20 Fe toe natroatse amy havilasiy i Norizañey, i loha-voa’ o mirotseoy. 21 Aa kanao
añama’ t’indaty o havilasio, le añama’ t’indaty ka ty fivañona’ o vilasio. 22 Fa
hambañe amy te kila vilasy amy Dame ao, te hene ho velomeñe amy Norizañey,
23 f’ie songa ami’ty filaha’e: i Norizañey ro sese-lengo’e, mandimbe aze o amy
Norizañeio amy fitotsaha’ey, 24 vaho ho tondroke i figadoñañey, ie atolo’e aman’
Añahare Rae i fifeheañey, naho fa rinotsa’e ze fonga fandiliañe naho fifelehañe
vaho faozarañe. 25 Amy te tsy mahay tsy hifehe ampara’ te fonga napoke ambane’ o
fandia’eo o rafelahi’eo.* 26 I havilasiy ro rafelahy sehanga’e ho rotsaheñe. 27 Ie kila
nampiambanè’e am-pandia’e ao. Aa ie manao ty hoe:
kila nampiambanè’e am-pandia’e ao,†
le malange te tsy añate’e i nampidoñe ze he’e ambane’ey. 28 Ie kila
nampiambanèñe ama’e, le i Anakey ro hiandaly amy Nampiambane ze he’e ama’ey,
soa te ho andindimone’ ze halifora’e t’i Andriananañahare.
29 Aa naho tsy zay, ino ty hanoe’ o nilipotse ty amo nivilasio? Naho tsy mitroatse ka
o nivilasio, ino ty ilipora’ iareo? 30 Akore ka ty fiatrefa’ay feh’ ohatse lomoñandro?
31 Eka, ry longo, ventèko amy fisengeako amy Talèntika Iesoà Norizañeiy, t’ie

* **15:25** Sab 110:1 † **15:27** Sab 8:6

mikenkañe boak' andro. [32] Aa naho fisalala' ondaty ty nifandrakaraheko o biby hako
e Efesosy añeo le ino ty nitombo'e amako? Naho tsy mivañoñe o vilasio, te mone:
Antao hikama naho hinoñe,
fa hikoromake te hamaray.‡
[33] Asoao tsy ho fañahieñe: Toe mañamavo havañonañe ty fiosoñan-draty.
[34] Mihendrea ami'ty fañeva'e, le ko mandilatse; fa eo ty tsy mahafohiñe
an'Andrianañahare. Hanalatse anahareo ty nanoako zay.

*I Sandry Nampivañonañey*

[35] He eo ty hanao ty hoe: Akore ty hahafitroara' o loloo? naho an-tsandry inoñe ty
hivotraha' iareo? [36] Ty minè! Tsy ho veloñe i tongise'oy naho tsy mate heike. [37] Le
ihe mitongy, tsy i ho vente'ey i tongise'oy, fa ty tabiry—he ampemba, ke ty ila'e. [38] Fe
i Andrianañahare ty manolotse vatañe ama'e, ze safiri'e, naho amy ze tabiry t'y ho
vata'e.
[39] Toe tsy hene hambañe ze atao nofotse; raike ty a ondatio, naho nofotse hafa ty
a o bibi-hakoo, naho nofotse ila'e ty a o voroñeo vaho hafa ty a o fiañeo. [40] Ao ka o
sandrin-dikerañeo naho o sandri' ty tane toio; raike ty engen-dikerañe vaho hafa ty
enge' o an-tane atoio. [41] Raike ty enge' i àndroy le hafa ty enge' i volañey naho hafa
ty enge' o vasiañeo vaho mifañambake ty enge' ty vasiañe ami'ty vasiañe.
[42] Zay ka ty fivañona' o vilasio. Ie tinongy ho an-kamomohañe, fe hitroatse tsy
ho an-kamomohañe, [43] tinongy ho an-kamavoañe f'ie hatroatse ho aman' engeñe;
tinongy ho an-kaifoifoañe fe hatroatse ho aman-kaozarañe, [44] tinongy ho aman-tsan-
dri' ty tane toy f'ie hatroatse ho amam-pañòvan' arofo. Kanao eo ty sandri' ty tane
toy, ao ka ty añ' arofo. [45] Hoe ka ty pinatetse:
Nanoeñe arofo veloñe t'i Dame,§
indaty valoha'ey; Arofo mpameloñe ka t'i Dame tsitso'e. [46] Fe tsy i añ' arofoy ty
nivaloha'e, fa i an-taney vaho zay i añ' arofoy. [47] Boak' an-tane ao indaty valoha'ey
vaho boak' andindìñe ao indaty faharoey. [48] Manahake i tan-taney o an-taneo vaho
hambañe amy an-dikerañey o andindìñeo. [49] Le hanahake ty fisikinan-tika ty vinta'
i debokeiy, ty hisikinan-tika i vintan-dikerañey.
[50] Le hoe raho, ry longo, tsy mahalova i Fifehean' Añaharey ty nofotse naho lio vaho
tsy mandova ty tsi-fihomahañe ty fihomahañe. [51] Ingo itaroñako razan-drehake: Tsy
songa hiròtse tikañe, fa sindre hiova, [52] ami'ty manao zao, ami'ty tsy mahamaiñ'ive,
amy feon' antsiva honka'ey. Hipopò i antsivay naho hatroatse tsy ho momoke ka o
loloo vaho hiova tikañe. [53] Fa tsy mahay tsy hisikiñe i tsy mihomakey i mihomakey
vaho hisikiñe o tsy fikoromahañeo o mete mikoromakeo. [54] Aa ie misikiñe ty tsy
mete momoke i mihomakey naho misikiñe o tsi-fikoromahañeo ty mikoromake le ho
tendreke i tsaraeñe ty hoe:
Nagodra' ty harebahañe ty havilasy.* [55] O Havilasio, aia ty fandrebaha'o?
O Tsikeokeokeo, aia ty finipoha'o? †
[56] Hakeo ro finipoha' o havilasio vaho i Hake ro haozara' o tahiñeo. [57] Fe
andriañeñe t'i Andrianañahare Mpanolotse antika i fandrebahañey añamy Talèntika
IESOÀ Norizañey.
[58] Ie amy zao, ry longo sarotse, migahiña, mijadoña; mahimbaña nainai'e amo
fitoloña' i TALÈo, fohiñe te tsy kafoake ty fitromahañe amy TALÈ.

# 16

*Kipopòke ho a Ierosaleme*

‡ **15:32** Ies 22:13, 56:12 § **15:45** Fot 2:7 * **15:54** Ies 25:8 † **15:55** Hos 13:14

1 Aa ty amy fanontonañe ho amo noro’eoy, manahake i nampanoeko o Fivory e
Galateoy ty hanoe’ areo: 2 Ie amy loak’ andro’ i SABOTSEy, le sambe mañajà an-driha
ao tandrife’ ty vokatse* nitahiañ’ aze, soa tsy anontonañe ka naho avy raho. 3 Ie
mipotìtse eo raho, ze sitra’areo an-taratasy, ro hahitriko mb’e Ierosaleme añe hinday
o natonto’ areo an-tsatrin-troo. 4 Aa naho mahasoa ty hombako mb’eo, le hindre lia
amako iereo.

### *Fisafiri’ i Paoly amy Fañaveloa’ey*

5 Ho tiliheko nahareo naho fa niranga i Makedonia, fa ho soroheko ty Makedonia;
6 le mete hañialo ama’ areo, ke hiasotry ao, hampionjona’ areo mb’amy liakoy mb’eo,
ndra te homb’ aia. 7 Toe tsy te hihelañako tilike ami’ty liako henanekeo, fa itamako ty
hitambatse ama’ areo ao naho satri’ i TALÈ. 8 F’ie hañialo e Efesosy añe hey ampara’ i
Halimampoloy, 9 amy te misokake ho ahy ty lala mangadagadañe mete mahavokatse,
fe maro ty misebañe.
10 Aa naho pok’eo t’i Timoty, le ampitraofo ao tsy an-tahotse, amy te o tolon-draha’ i
Talèo ty anoe’e manahake o fanoekoo. 11 Le ko mete’areo sirikaen-dre, fe ampionjono
an-kanintsiñe, hitotsaha’e amako, fa itama’ay naho o longoo.
12 Le i Apolosy longontikañey, nimaneako osike ty homba’e mb’ama’ areo mb’eo
mindre amo ralalahio, fe tsy nisatrie’e hey ty hañavelo. Toe homb’eo re ami’ty
mahamete.

### *Figadoña’e*

13 Mitaòa, mifahara am-patokisañe, mifanehafa hoe fanalolahy vaho maozara.
14 Anò am-pikokoañe ze hene toloñe’ areo.
15 Miambane ama’ areo raho ry longo, (fohi’ areo o añ’anjomba’ i Stefanasio,
ty lohavoa’ i Akaia naho nijadoñe ho mpifanehake hitoroñe o noro’eo;) 16 te
hiambaneañe o hambañe ama’eo, naho amy ze mpañolotse i fitoloñañey iaby.
17 Mahaehake ahy ty nikoneha’ i Stefanasy naho i Fortonato naho i Akaiko, amy t’ie
nañeneke ze tsy niampe tama’ areo, 18 naho nampazava ty troko naho ty anahareo;
aa le onjono ty manahake iareo.

### *Fisalamañe Fara’e*

19 Mañontàne anahareo o Fivory e Asia añeo. Salamae’ i Akoila naho i Prisilae vaho
i Fivory añ’anjomba’ iareoy, ami’ty haporean’ arofo’e amy TALÈ ao. 20 Añontanea’ o
longo iabio. Mifanalamà ami’ty oroke miavake. 21 Anoniako an-tañako etoañe: לופּ
22 Ee te hafàtse ze tsy mikoko i TALÈ. Mb’etoa ry TALÈ! 23 Ho ama’ areo ty hasoa’
IESOÀ TALÈ Norizañey. 24 Ama’ areo iaby am’ IESOÀ Norizañey ty fikokoako. Amena.

* **16:2** Rom 15:28

# Korinto II

1 I Paoly, Firàhe’ IESOÀ Norizañey ami’ty satrin’ Añahare, naho i Timoty
rahalahintika. Ho ami’ty Fivorin’ Añahare e Korinto ao mitraoke amo noro’e iaby
miparaitake Akaia añeo. 2 Hasoa naho fañanintsiñe ama’areo boak’ aman’ Añahare
Raentika naho IESOÀ TALÈ Norizañey.

### *Andriananãahare-Mpañohò*

3 Andriañeñ’ abey t’i Andriananãahare Rae’ i Talèntika IESOÀ Norizañey, i Raem-
pitretrezañe naho Andriananãahare’ ze hene fañohoañey, toe Andriananãahare.
4 Ie ty mañohò anay amo hasotria’ay iabio, hañohoa’ay ka o mioremèñeo, amy
fañohoañe añohoan’ Añahare anaiy, 5 Hambañe amy te mitobake ama’ay o hasotria’
i Norizañeio, ty andoparam-pañohoañe añamy Norizañey. 6 Naho ampalovilovien-
jahay, le ho ami’ty fañosihañe naho fandrombahañe anahareo; ie ohòñen-jahay le
ho fañosihañe anahareo kanao mifeake ami’ty fijaleañe nijalea’ay. 7 Tsy mihilotse ty
fisalalà’ay anahareo, fohiñe t’ie mitraok’ amo fisotria’aio le manahake zay ka amy
fañohòañey.

8 O ry longo, tsy tea’ay te tsy hapota’ areo o feh’ ohatse nanoañe anay Asia añeo,
izahay nampilogolgoeñe mandikoatse ty haozara’ay*, vaho ho namoe aiñe. 9 Eka,
an-tro’ay ao ‘nio te voa-fatse havetrake, soa tsy hiato-batañe, fa aman’ Añahare
mpampitroatse o vilasio; 10 ie nañaha anay ami’ty fihomaham-bey, toe mamotsotse,
naho itama’ay te mbe hañafake anay. 11 Tovo’e ty fañolora’areo: mifanehake ho
anay an-kalaly; fa kanao maro ty mihalaly, maro ka ty hañandriañe t’ie voavale.

### *Mamotoañe t’i Paoly*

12 Inao ty fisengea’ay, ie ventem-pitsakoreañe, te o fitoloña’ay an-tane atoy, antsake
ama’areo, le nanoeñe ankazavan-troke naho an-kalio-tahiñe—tsy ami’ty hakante’ ty
tane toy, fa ami’ty hasoa natolon’ Añahare. 13 Toe tsy anokira’ay naho tsy o vaki’
areo naho fohi’ areoo, fe atokisako t’ie haharendreke pak’am-pigadoña’e henaneo,
14 toe eo ty nirendre’ areo ama’ay, te inahareo ro foto’ ty fisengea’ay, naho zahay
anahareo amy andro’ IESOÀ Talèntikañey.

15 Amy fatokisañe zay, ty nilaharako te hiheo mb’ama’ areo mb’eo heike, hahazoa’
areo tilike fañindroe’e, 16 Eka, hiary mb’ama’ areo raho naho mb’e Makedonia ao
vaho hibalike, hampionjona’ areo mb’e Iehodà añe.

17 Nifejofejo hao raho amy nilaharakoy? He i italifirakoy ro nisafirieko amy
haondaty hambo’ey ao? soa te songa hanoeko ty hoe Eka, Eka naho Aiy avao? 18 Fe
manahake te migahiñe t’i Andriananãahare, le tsy Eka naho Aiy o fivola’ay ama’ areoo.
19 Amy te tsy Eka naho Aiy i Anan’ Añahare, IESOÀ Norizañe nitaroñe’ay naho i Silasy
vaho i Timoty ama’ areoy, fa Eka avao ty ama’e ao. 20 Aa ndra fire-fire ty fampitamàn’
Añahare, le hene Eka o ama’eo; vaho ie ty anoa’ay Amena amy fandrengea’ay an’
Andriananãaharey.

21 Fa mampipitike antikañe amy Norizañey t’i Andriananãahare, ie hinoso’e 22 naho
vinoli-tombo’e vaho natolo’e an-tron-tikañ’ ao i Arofo’ey ho tsaloke. 23 Aa le koiheko
ho valolombelon-troko t’i Andriananãahare te i fiheveako anahareoy ty tsy nombako
mb’e Korinto mb’eo heike. 24 Tsy te senge’ay hery o fatokisa’ areoo, f’ie mpifanehake
ama’ areo ho ami’ty hafalea’ areo, amy t’ie mijadoñe soa am-patokisañe.

* **1:8** Ko II 4:8-9, 17

# 2

### *Iheveo i Niotay*

[1] Ie amy zao, tampakevetse amako t'ie tsy homb'ama'areo mb'eo aman'anahelo;
[2] fa naho zaho ty mampihontoke anahareo, ia ka ty hampiehake ahy naho tsy i
nampanaheloekoo? [3] Ty nanokirako zay, le he te zaho homb'eo, ro mioremeñe amo
ho nampirebek' ahikoo; fa atokisako ama'areo iaby te ze mahafale ahy ro mahafale
anahareo iaby. [4] Toe an-kaloviloviañe naho fikoretan-tro naho ranomaso maro
ty nanokirako, tsy te hampañore, fa ty hampandrendreke anahareo ty fikokoako
miheotse.

[5] Aa naho teo ty nampañore, le tsy zaho ty nampanaheloe'e, fe, (tsy mone ho
losoreko) mete niorea' areo iaby. [6] Fa nahaeneke indatiy i fandilovañe nipaoha' i
màroy azey. [7] Ie amy zao, soa re te ihevèa' areo naho añohòa' areo, tsy mone t'ie
ho opoe' ty hontoke. [8] Aa le osiheko, te ho vente'areo ama'e ty fikokoa' areo. [9] Ty
nisokirako, le ty hitsoke anahareo hera mete mivohotse ndra aman' inoñ' inoñe.
[10] Aa le ze ihevea' areo ro iheveako ka. Le ze napoko—naho toe eo ty ho niheveañe,
le fa niheveako añatrefa' i Norizañey ty ama' areo, [11] tsy mone hamañahy antika i
mpañìnjey, itika tsy bahimo amo sata'eo.

### *Marifondrifoñe*

[12] Ie nivotrake e Troasy añe raho ty amy talili-soa' i Norizañeiy, le nisokake ho
ahiko, amy TALÈ ao, i lalañey, [13] fe tsy nazava ty troko, amy te tsy nitreako t'i Titosy
rahalahiko. Aa le nangata-dalañe am'iereo vaho nionjomb'e Makedonia mb'eo.

[14] Andriañeñe t'i Andrianañahare, mpiaolo anay am-pandrebahañe nainai'e amy
Norizañey, naho aboele'e añama'ay ty harifondrifo' ty fahafohinañe aze tok' aia
tok' aia. [15] Fa aman' Añahare zahay ro hamañi' i Norizañey amo mirombakeo
naho amo mikoromakeo; [16] amy raikey ty haimbon-kavilasy ho am-pihomahañe, le
amy raikey ty harifondrifon-kavelo ho aman-kaveloñe vaho ia ty mahatafetetse zay?
[17] Tsy manahake i maro mandetake i tsaran' Añahareiy zahay; fe ami'ty do'e aman'
Añahare naho amy Norizañey, añatrefan' Añahare ro itaroña'ay.

# 3

### *Sinokitse añ'Arofo ao*

[1] Mamototse maniom-batañe indraike hao zahay? ke t'ie, manahake o ila'eo, mipay
taratas-pañiniañe ho ama'areo, he taratas-pañiniañe boak' ama'areo? [2] Inahareo
ro taratasi'ay pinatetse añ' arofo'ay atoañe, fohiñe naho vakie' ze kila ondaty, [3] ie
malange te taratasi' i Norizañe toroñe'aiy, tsy sinokitse an-dranomainte fa amy
Arofon' Añahare veloñey, tsy an-takelam-bato fa an-takelan-tro' ondaty.

[4] Zay ty fatokisa'ay aman' Añahare añamy Norizañey. [5] Tsy te zahay ro mañeva
hivolañe t'ie maha-pi-draha, fa boak' aman' Añahare ty fahalefea'ay, [6] Ie ka ty
nampahafaritse anay ho mpitoro' i fañina vaoy; ie tsy an-tsokitse, fa amy Arofoy;
mahafate i sokitsey, fe mahaveloñe i Arofoy.

[7] Aa naho an' engeñe ty nitotsaha' i fitoroñam-pihomahañe an-tsokitse pinatetse
am-batoy, ie tsy nahafitalatse ty lahara' i Mosè o ana' Israeleo ty amy engen-
dahara'ey—ie nipoa-mavo, [8] aa tsy handikoatse zay ty enge' o fitoroñan' arofoo?
[9] Ie nanañ' engeñe ty fitoroñam-pañozoñañe, sandrake te itoboaran' engeñe ty
fitoroñan-kavañonañe. [10] Aa naho oharañe ami'ty engeñe mitoabotse toy, le tsy
aman' engeñe henaneo i nirengèñe taoloy. [11] Fa naho nanañ' engeñe i mipoa-mavoy,
antsake te hanam-bolonahetse i tsy mete modoy.

12 Aa kanao zay o fitamà'aio, le ra'elahy ty fahavania'ay mitoroñe, 13 f'ie tsy
manahake i Mosè nikolopofa' ty lamba marerarera an-dahara'e* tsy mone hitolom-
pangareke aze o ana' Israeleo ampara' t'ie nimavo, 14 fe nihagàñe ty fivetsevetse'
iareo, naho mbe tsy miafake henanekeo amy famakiañe i fañina taoloy i marerareray,
fa amy Norizañey ty fañahañe aze. 15 Aa ndra henaneo, ndra mb'ia mb'ia vakieñe t'i
Mosè le kolopofa' i marerareray ty arofo' iareo. 16 Fe naho mitolike amy Talè t'indaty,
le miafake i marerareray†. 17 I Talè 'nio i Arofoy, le añ'Arofo' i Talè ao ty fidadàñe.
18 Fe itikañe iaby, an-daharañe tsy mikolopoke, mañisake hoe an-ketsoro ty enge' i
Talè, ro hovaeñe ho hambam-bintañe ama'e aman' engeñe itoaboran' engeñe añamy
Talè, i Arofoy.

# 4

*Vara an-Tsajoa*

1 Aa kanao anay o fitoroñañe zao, ie niferenaiñañe, le tsy mamoe'ay. 2 Toe
rarà'ay ze sata naetake ty amy hasalara'ey; tsy mipiapia am-pamañahiañe vaho
tsy mengohe'ay o tsaran' Añahareo, fe am-palangesañe ty hatò ro anolora'ay
vatañe mb'am-pitsakorea' ze hene ondaty am-pivazohoan' Añahare. 3 Aa naho
toe mikolopoke ty talili-soa'ay, le mikolopoke amo mikoromakeo, 4 fa nampigoa' ty
ndrañaharen-tsa toy* ty fivetsevetse' o tsi-miantokeo, tsy hahaisake ty fireandrea'
ty talili-soan' enge' i Norizañey, i vintan' Añaharey. 5 Tsy ty vata'ay ro taroñe'ay,
fa Iesoà Norizañey ho Talè, le zahay ro fetrek'oro' areo ty am' Iesoà. 6 I
Andrianañahare nanao ty hoe: Hipasasàke amo ieñeo ty zava ro mampireandreañe
añ'arofo'ay ao i hazavam-paharendrehañe ty engen' Añahare mitapasàke an-dahara'
Iesoà Norizañey. 7 Ie ty vara'ay mihaja an-tsajoa-tane ao, hampidodea te boak' aman'
Añahare ty hara'elahi' i haozarañey fa tsy hirik' ama'ay. 8 Mañarikatoke anay ty
famorekekeañe†, fe tsy demoke; malovilovy, fe tsy mamoe aiñe, 9 samporeraheñe fa
tsy naforintseñe; zinevo, fa tsy rotsake— 10 nainai'e endese'ay am-batañe ty havilasi'
Iesoà, soa te halange an-tsandri'ay ka ty havelo' Iesoà. 11 Le nainai'e seseheñe
havetrake ty amy Iesoà zahay veloñeo, soa te hiboak' an-tsandri'ay mora mihomakeo
ka ty havelo' Iesoà.
12 Aa le mitromake ama'ay ao ty fihomahañe, le ama'areo ty haveloñe.
13 Manahake i nisokirañey ty hoe:
Niantoke raho, vaho nivolañe,‡
Toe miato ka zahay nampatokisa' i Arofoy vaho mitaroñe, 14 fohiñe te i
Nampitroatse i Talè Iesoày ro hampitroatse anay miharo amy Iesoà ka, vaho
hampiatrefe'e mitraoke ama' areo zahay. 15 Inahareo ty nanoañe i he'e rezay, soa
t'ie fa niboele ami'ty maro ty hasoa le handopatse ho ami'ty engen' Añahare ty
fañandriañañe.
16 Aa le tsy milesa zahay, fa ndra te mihamomoke ty sandri'ay alafe'e, mihavao
boak' andro ty an-tro'ay ao. 17 Le i hasotriañe maivañe tsy maremaretse toiy ro
mamokatse engeñe tsy ri'e mavesatse tsy amañ'ohatse. 18 Le tsy o isam-pihainoo ty
biribirie'ay fa o tsy isakeo, amy te mihelañe o raha isakeo, fe tsy ho modo nainai'e o
tsy isam-pihainoo§.

# 5

*Ty Akiba andindiñey añe*

* 3:13 Avo 34:33-35 † 3:16 Avo 34:34 * 4:4 Lke 4:6 † 4:8 Ko I 1:8 ‡ 4:13 Sab 116:10 § 4:18 Ko II
5:7, Rom 8:24, Heb 11:1,13

1 Fohin-tikañe te, ie arotsake ty kijà imoneñan-tikañ’ an-tane atoy, le manañe
ty nitsenen’ Añahare, anjomba tsy nanoem-pitàñe, nainai’e andindìñe ao. 2 Toe
mampitoreotoreo antika ty atoy: ie misalala hisaroñe i kibohon-tika boak’ andindìñe
añey, 3 ie iombean-tika, le tsy ho zoeñe mihalo. 4 Eka miselekaiñe tika ami’ty kijà toy,
miatra-draha tsy te hihalo, fa te hisaroñe, soa te hagedran-kaveloñe i fa hihomakey.
5 I Andriananañahare ty nañòke antika ho amo raha zao, ie nañomey antika i Arofo
Masiñey ho tsòake. 6 Aa le nainai’e maharototse tika, fohiñe t’ie mimoneñe ami’ty
sandriñe toy ro mboe tsy amy TALÈ ao. 7 Toe mañavelo am-patokisañe tika fa tsy
t’ie mahaisake*. 8 Toe matoky tika, t’ie veka’e hisitake amy sandriñey himoneñe
amy TALÈ ao. 9 Aa ke mimoneñe he añe, ilozohan-tika ty hahasitrak’ aze. 10 F’ie
tsy mahay tsy hiheo añatrefa’ i fiambesam-pizakà’ i Norizañey, songa handrambe ty
valem-pitoloña’e an-tsandri’e, ty amo nanoe’eo, ke te nisoa he niraty†.

### *Ty Fifampilongoañe*

11 Aa kanao fohiñe ty fañeveñañe amy TALÈ, le osihe’ay ondatio; toe midodea
aman’ Añahare zahay vaho misalala t’ie halange am-pitsakorea’ areo ka. 12 Tsy t’ie
hirenge indraike, fe hirengea’ areo, soa te hahavale o misenge an-tarehe fa tsy an-
trokeo nahareo. 13 Aa naho mivali-jere zahay, le aman’ Añahare; ie miaren-jahay, le
inahareo. 14 Toe azì’ ty fikokoa’ i Norizañey zahay; aa kanao zao, ie nivilasy ho a i
màroy i Raikey, le fonga nihomake. 15 Kila nivetraha’e, soa te tsy ho veloñe am-bata’e
ka o veloñeo‡, fa ho amy nivilasy vaho nivañombelo ho a’ iareoy.
16 Aa ie henane zao, tsy mahaoniñe ndra iaia amy haondati’ey tika, eka, toe
nionin-tika amy haondati’ey i Norizañey, fe tsy zay ty hahafohinañ’ aze henaneo.
17 Ie amy zao, ndra iaia ro amy Norizañey ao, ro voatse vao, fa nihelañe añe
o hambo’eo, heheke, kila nivaoeñe§, 18 toe hene raha ro boak’ aman’ Añahare
nifampilongo aman-tika añamy Norizañey, vaho natolo’e antika ty fitoroñañe i
fifampilongoañey; 19 le zao: te nifampilongo ami’ty voatse toy t’i Andriananañahare
añamy Norizañey, naho tsy vinolili’e am’iereo o hakeo’ iereoo, vaho nafanto’e
ama’ay i tsaram-pifampilongoañey.
20 Toe sorotà’ i Norizañey zahay, le hoe zahay ro nikanjian’ Añahare anahareo.
Aa le ihalalia’ay ty amy Norizañey: Mifampilongoa aman’ Añahare. 21 Fa nanoen’
Añahare soron-tahiñe ho an-tika i tsy nanan-kakeoy, soa te ho an-kavantañan’
Añahare tika ama’e ao.

# 6

1 Aa kanao mifanehake, risihe’ay anahareo ty tsy handrambe ty hasoan’ Añahare
vaho hilesa. 2 Fa hoe re:
Nitsanoñ’ azo raho ami’ty andro mete
vaho nañolotse azo
ami’ty androm-pandrombahañe.*
Inao, henaneo ty sa mete; Henanekeo i androm-pandrombahañey.

### *Ty Hasotria’ i Paoly*

3 Tsy anoe’ay ty hampitsikapy iaia ama-ndra inoñ’ inoñe, kera ho tiñeañe i fi-
toroñañey. 4 Fe, ventè’ay amy ze he’e t’ie mpitoron’ Añahare: am-pifeahañe mañore,
an-kaloviloviañe, an-koheke, am-pamorekekeañe, 5 am-pofoheñe, am-porozò ao,
am-pandragaragàñe, an-kamokorañe, ie azo ty tsareke, le an-kasalikoañe, 6 an-
kalio-tahiñe, am-paharendrehañe, am-pahaliñisañe, an-tretre amy Arofo Masiñey

* **5:7** Ko II 2:14, 4:18 † **5:10** Mat 16:27, Jao 5:29 ‡ **5:15** Rom 14:7-8, Gal 2:20 § **5:17** Rom 6:2-22, Gal 2:20, Efe 4:22-24, Kol 3:10, Jn I 3:9-10 * **6:2** Ies 49:8

vaho an-koko tsy voroteñe, [7] an-tsara vantañe, an-kaozaran’ Añahare, am-pialian-
kavañonañe am-pitàn-kavana naho havia, [8] he asiñeñe ke mavoeñe, he fosaeñe
ke rengèñe; atao mpamañahy f’ie mahity; [9] hoe tsy fohiñe fe arofoanañe; hoe
mikenkañe fe hehe t’ie veloñe; nililoveñe fe tsy vinono; [10] hoe mandala f’ie nainai’e
mandia taroba; hoe rarake fe mampañaleale ty maro; hoe poi’e te mone kila anay.
[11] O ry nte-Korinto! manoka-palie ama’ areo zahay, mivañavaña o tro’aio. [12] Tsy
t’ie manebañe anahareo, fe azi’ ty añova’ areo ao. [13] Antao hifampira—hoe mirehake
aman’ ajaja raho—midañadañà troke ka.

### *Tsy Iharoan-joka ty tsy Mpiato*

[14] Ko miharo joka amo tsy miatoo. Fa ino ty itraofa’ ty havantañañe ami’ty tsi-
fañorihan-Kake? ke ino ty iharoa’ ty zava ami’ty ieñe? [15] He akore ty hitraofa’ i
Norizañey saontsy amy Beliale? ke ino ty iharoa’ ty mpiato ami’ty tsy miato? [16] Aia
ty hitraofa’ i anjomban’ Añaharey amo sampon-drahao? toe Anjomban’ Añahare
veloñe tika. Fa hoe t’i Andrianañahare:
Himoneñe am’ iareo ao raho,
naho ho mbeo’mbeo am’ iereo,
le ho Andrianañahare’ iareo raho,
vaho h’ondatiko iereo. †
[17] Aa le miakara am’iereo,
vaho miavaha, hoe t’i TALÈ.
Ko mitsapa raha faly,
le hampihovaeko nahareo. ‡
[18] Ho Rae’ areo raho, vaho ho ana-dahiko
naho anak-ampelako nahareo,
hoe t’i TALÈ Tsitongerèñe. §

## 7

[1] Kanao an-tikañe o fampitamañe zao ry longo sarotse, le ehe miefera amy ze
raha mahativa sandriñe naho troke, mañeneke fiavahañe am-pañeveñañe aman’
Añahare*.

### *Mandia Taroba*

[2] Ampihovao an troke zahay! fa tsy anaña’ iaia hakeo, tsy nimengohe’ay, tsy
nikatramoe’ay. [3] Tsy te hamàtse anahareo ty nanoako zay, ie fa nivolañeko taolo t’ie
an-tro’ay ao, ke te hiharo hivetrake he hitrao-kaveloñe. [4] Bey ty fatokisako anahareo
naho jabajaba ty fisengeako. Toe enem-panintsiñan-draho, tsipike ty hafaleañe amo
hene falovilovia’aio. [5] Ie nipoke e Makedonia añe le tsy nahafitofa o sandri’aio, fa
nitokoen-draha mb’etia mb’ eroa—fihotakotahañe ey naho fihakahakàñe ao. [6] Fe, i
Andrianañahare Mpañohò o voretrao, ro nañohò anay ami’ty fiavi’ i Titosy, [7] toe tsy
amy fiavi’ey avao, fa amy fañohòañe nañohoa’ areo azey, ie nitalily ty fisalalà’ areo,
ty firoveta’ areo, naho ty zoton-tro’ areo ho ahy; ie nonjoneko an-drebeke.
[8] Aa ndra t’ie nampioremeñako amy taratasiy, tsy aneñenako; (toe naneñeñe
hey fe nitreako te tsy nimaremàretse ty nampilendèña’ i taratasiy.) [9] Mirebeke
henaneo, tsy t’ie nampioremeñe, fa te ninday anahareo hisoloho i fanaheloy. Toe
nanao fanaheloan’ Añahare nahareo vaho tsy nijoie’ay. [10] Minday fisolohoañe tsy
aneñenañe mb’an-drombake ty anahelo satrin’ Añahare; fe maha-vetrake ty fandalà’
ty voatse toy.
[11] Oniño ty fahimbañañe nivokare o raha zao, o fiorèmeñan’ Añahare ama’ areoo,
ty fiveroha’ areo, ty fitorifihañe, ty fihembañañe, ty fisalalàñe, ty zoton-tro vaho ty

† **6:16** Sor 26,11,12; Avo 29:45, Iir 31:1, Iek 37:27 ‡ **6:17** Ies 52:11; Iek: 20:34,41 § **6:18** Sa II 7:14; 7:8; Ies 43:6, Hos 1:10 * **7:1** Fot 12:1, Avo 19:5-6, Ben 18:4

fipaiàn-to! Hene namente ty halio-tahi' areo amy rahay. 12 Aa ndra t'ie nisokirako, tsy
i nandilatsey ndra i nandilarañey, fa t'ie halange ama' areo am-pivazohoan' Añahare
ty fiasia' areo anay.
13 Zay ty nampanintsiñe anay, le tsy vaho i fañohòañey fa nilosore'ay rebeke
ty hafalea' i Titosy amy nampibodaña' areo i arofo'eiy. 14 Aa ndra inoñe ty
nandrengeako anahareo ama'e, tsy nahasalatse ahy. Fa an-katòn-drehake avao ty
nitaroña'ay, le nizoen-ko mahity ty nirengea'ay amy Titosy. 15 Toe nionjoñe ty
fiferenaiña'e anahareo Te nahatiahy ty tsy fanjehara' areo iaby, vaho t'ie nandrambe
aze añ'eveñe naho an-tititike. 16 Aa le irebehako te atokisako amy ze he'e nahareo.

# 8

*o Fatarihañeo*

1 Ie amy zao, ry longo, tea'ay ho fohi' areo ty falalàn' Añahare natolotse amo
Fivory e Makedoniao, 2 ndra t'ie mifeake haloviloviañe, le nandoparem-patarihañe ty
haliforan-kaeha' iareo naho ty halosoran-karahara'iareo. 3 Eka taroñeko ty fahalefea'
iareoy, te nandikoatse ty oza' iareo, ie nanolotse an-tsatrin-troke; 4 naho nihalaly
ama'ay an-drakadrakake te hitraoke amy fiatrafañe o noro'eoy. 5 Le nanoe' iereo,
fe tsy ami'ty natao'ay ho mete, te mone nanolo-tsandry amy TALÈ heike iereo vaho
ama'ay ty amy satrin' Añaharey. 6 Aa le nosihe'ay t'i Titosy; ie fa namototse ro
hañeneke ama' areo ka ty fanoloram-palalàñe toy.
7 Aa, hambañe amy t'ie miraorao amy ze he'e—am-patokisañe naho tsara, an-kilala
naho fahimbañañe, vaho amy fikokoa'areo anaiy—le milikoara amo falalàñe zao
ka. 8 Tsy ivolañako t'ie lily, fe ty amo fahimbaña' o ila'eoo, naho ty hamenteako ty
fikokoa' areo. 9 Fohi' areo ty fatariha' i Talèntika Iesoà Norizañey, ie ni-mpañaleale
ro nirèke ho rarake ty ama' areo, soa te i hararaha'ey ro hampañarivo anahareo.
10 Inao ty heveko ty amy rahay: Tombo'e ho anahareo te namototse amy taoñey,
le tsy vaho nanao fa nisalalaeñe. 11 Aa le henefo i fitoroñañey henaneo, soa te
hambañe ami'ty falisà' areo hanao, ty hañenefa' areo amy ze lefe' areo; 12 fa naho
eo ty hasindàñe, le ho no'e ty amy hanaña' ondaty fa tsy ty amy tsy fanaña'e.
13 Tsy te hampijinieñe ty ila'e le hamaivañeñe ty ila'e, fa t'ie hampitsahareñe; 14 ie
henaneo, ty havokara' areo ro ho amy ze paia' iareo, soa te ho amy ze paia' areo ka
ty hanolora' iareo amo havokara'eo, vaho ho mira. 15 Hoe ty pinatetse:
Tsy nilosoreñe ty nanontoñe maro,
le tsy niereñe ty nanontoñe kede.*

*Ty Lili' o Falalañeo*

16 Andriañeñe t'i Andriananañahare, te nazili'e añ'arofo' i Titosy ao ty fahimbañañe
ho anahareo hambañe ami'ty ahiko. 17 Tsy vaho i halali'aiy ty ninò'e, fa
amy hasindà'ey ty nihitrifa'e mb'ama' areo mb'eo an-tsatri'e, 18 le nahitri'ay
hitraok'ama'e ty rahalahy rengè' o hene Fivorio ty amy talili-soay; 19 Tsy zay avao,
fa tinendre' o Fivorio t'ie hindre lia ama'ay amo falalàñe zao, o vandroñe'aio ho
ami'ty enge' i TALÈ naho hampidodea ty hatsotseha'ay hañimba; 20 ie mitao tsy ho
tiñeñe amy famandroña'ay o ravoravo jabajaba zaoy, 21 fa anolora'ay ty mañeva, am-
pivazohoa' i TALÈ, vaho am-pahaisaha' ondatio†; 22 vaho nampindreze'ay am'iereo
ty rahalahy beteke niventè'ay naho nioni'ay t'ie maringatse amy ze he'e, mentsake
henaneo te mampahimbañ' aze ty fatokisa'e anahareo. 23 Le i Titosy, Mpirekets'
amako naho mpifanehake ama' areo; naho o roahalahio, ie nampihitrife' o fivorio,
enge' i Norizañey. 24 Aa le aboaho am' iereo aolo' o Fivorio ty ventem-pikokoa' areo
naho ty talim-pirengea'ay anahareo.

* **8:15** Avo 16:18 † **8:21** Rzs 3:4

# 9

*Fampihentseñañe o Falalàñeo*

[1] Ty fiatrahañe o noro'eo, le tsy loho paiañe ty hanokirañe ama' areo. [2] Amy te
apotako ty fahimbaña' areo, le isengeako amo nte-Makedoniao, te fa niveka'e tamy
taoñe teoy ty Akaia, vaho maro ty nosiheñe ami'ty zoton-tro' areo. [3] Fe nahitri'ay o
roahalahio tsy mone ho kòake ty nisengea'ay anahareo amo raha zao, ie fa nanoako
ty hoe te mete ho veka'e. [4] Hera hindre lia amako mb'eo t'i nte Makedonia hanjo
anahareo tsy veka'e, hanalats' anay (tsy nataoko: Nahareo) ie natokisañe. [5] Aa le
nataoko ho mete te hosiheñe homb'ama' areo mb'eo hey i rahalahy rey hañajary i
falalàñe nampitama' areoy, hañentseña'e ho ravoravo fa tsy fatitiañe.

*Fañè amo Fanoloraño*

[6] Inao ty lengo'e: hanatake tsy ampeampe i mitongy kedekedekey, vaho hanatake
tsi-fotofoto ty mitongy maro. [7] Songa hanolotse ty amy fisafirin' arofo'ey, le tsy am-
parahy, tsy an-jizy; amy te non' Añahare ty mpañolotse an-kaehake.* [8] Le meten'
Añahare ty handipora'e ze atao hasoa, le ie eneñe nainai'e amy ze hene paiae' areo
ro hiraorao amy ze fonga tolon-draha soa. [9] Hoe ty pinatetse:

Naboele'e mbeo' mbeo,
Nifahana'e o rarakeo;
Nainai'e ty havantaña'e.†

[10] Le i mpanolotse tabiry amo mpitongio naho mahakama ho kamaeñey abey ro
hanolotse naho hampitombo ty tabiry tongise' areo vaho hampitoabotse ty tolin-
tsabon-kavantaña' areo.‡ [11] Le hampitomboeñe amy ze he'e ho am-patarihañe
heneke, am-pañandriañañe an'Andrianañahare añama'ay. [12] Amy te tsy vaho
hamahañe ze paia' o noro'eo avao ty famandroñañe o fiatrahañe zao, ie mandopatse
ty amo fañandriañañe maro an' Andrianañahareo. [13] Ty fanolorañe o fiatrahañe
zao mamente am'ondati-reo t'ie mandrenge an'Andrianañahare ami'ty anoe' areo
ze iantofa' areo te nafe' i talili-soa' i Norizañey, naho t'ie am-patarihañe ty andivañe
am'iereo vaho am' iabikey. [14] Le amo filolofa' iareoo ty himaniña'e anahareo ty
amy hasoan' Añahare ama' areo. [15] Andriañeñe abey t'i Andrianañahare ty amy
fatariha'e tsi-amañ'ohatsey.

# 10

*Ty Nañarova'e i Fitoroña'e*

[1] Zaho Paoly ty midrakadrakake ama' areo amy tretran' arofo naho fiferenaiñañe
amy Norizañey—zaho atao mimalimalitse te mifañatreke, f'ie mahasibeke te añe!—
[2] Mihalaly te tsy hazi' areo hiatreatre t'ie ao, ie mahasibeke fiatreke o ila'e manao
anay ho mpañavelo ami'ty haondaty hambo'eo.

[3] Fa ndra t'ie mañavelo amy hambo'ey, tsy i hambo'ey ty fialia'ay. [4] Toe tsy
boak' amy hambo'ey o fialia'eo fe an-kaozaran' Añahare maharotsake kijoly fatratse;
[5] afetsa'ay ambane o fitsakoreañeo naho ze hene raha mionjoñe hiatreatre ty
fahafohinañe an' Andrianañahare vaho rohize'ay ze fonga vetsevetse hivohora'e
amy Norizañey, [6] ie heneke ty fivohora' areo, le veka'e zahay handilo ze atao
fanjeharañe*.

[7] Isaho o atrefe'areo henaneo? Naho eo ty matoky te a i Norizañey, ee t'ie hitsibo-
batañe, he manahake ty maha amy Norizañey aze ty maha amy Norizañey anay. [8] Aa
ndra t'ie mitolom-pirenge amy nampifeleha' i Talè anay hampiraorao anahareoy,
fa tsy handrotsake, le tsy isalarako. [9] Tsy teako hatao fañembañañe anahareo o

---

* **9:7** Rzs 22:8 † **9:9** Sab 112:9 ‡ **9:10** Isa 55:10-11 * **10:6** Jao 3:36

taratasikoo. 10 Peha'e naho maozatse o taratasi'eo, hoe ty ila'e, f'ie mavo-vintañe te
miatreke naho sirikaeñe o filañonaña'eo. 11 Soa re te hitsakore te hambañe ami'ty
enta'ay an-taratasy ty fitoloña'ay te miatreke.
12 Tsy mahavany hitrao-lohàñe ndra hifañòhatse amo ila'e mirengeo zahay. Ie
po-hilala kanao mifanjehe vatañe naho mifañòhatse avao. 13 Le tsy ho senge'ay ze
alafe' o nafaritsoke ho anaio, fa amy nanendrean' Añahare anaiy, ze mahatakatse
pak' ama' areo ka. 14 Tsy ho losore'ay fisengeañe hoe t'ie tsy nitakare'ay, amy te toe
nahitri'ay pak'ama' areo añe i talili-soa' i Norizañey; 15 tsy ho sengè'ay ka o alafem-
balavala'aio, ami'ty fitoloña' o ila'eo. Fe itamà'ay, ami'ty fitomboa' ty fatokisa' areo,
te hielatse ty valavala'ay, hionjoñe ho amy ze lefe, 16 hitaroña'ay i talili-soay ankàlo'
areo ao, fa tsy t'ie hirenge ami'ty fitoloñañe nihenefa' ty ila'e. 17 Le,
Ze hirenge, ee te amy Talè ty hirengea'e.†
18 Toe tsy i mirengey ty no'e, fa ze rengè' i TALÈ.

# 11

*o Firàheñe Sare'eo*

1 Ee te ho vave' areo hey o hagegeako—ehe ivaveo. 2 Ie farahieko am-parahin'
Añahare, naho nampañengaeko ty Rañandria, hitolorako ho somondrara miehañe
amy Norizañey. 3 Fe mahahembañe ahy, ke, hambañe amy namañahia' i mereñey t'i
Haova amy hakalitaha'eiy ty hañamengoha'e ty hatso-po'areo mañeva i Norizañey.
4 Aa naho miheo mb'eo ty mitsey IESOÀ ila' i nitaroña'aiy*, ndra andrambesa' areo
fañahy tsy nirambese' areo ndra talili-soa ila' i natokisa' areoy, hera hiantoke.
5 Ataoko te tsy ambane' o Firàheñe mitiotiotseo aman-dra' inoñe raho, 6 fa ndra
te tsy mahafilañoñe, tsy zay an-kahilala, toe fa nampalangese'ay ama' areo ze he'e.
7 Hera nandilatse t'ie nirèke hañonjonañe anahareo, amy nitaroñako tsy amam-bily i
talili-soan' Añaharey? 8 Toe nikamereko o Fivory ila'eo, ie nandrambesam-pañehañe
hitoroñako anahareo. 9 Naho teo ty nipaiako ama' areo, tsy ho nampivavèko ndra
ia'ia, fa ie nihirik' e Makedonia añe o rolongoo, le hene nihenefa' iareo i nipaiakoy.
Toe fonga nifoneñako tsy hampijiny anahareo vaho mbe hambenako. 10 Kanao amako
ty hatò' i Norizañey le tsy hampitsiñeñe am-paripari' i Akaia ao i firengetañe amakoy.
11 Fa manao akore? Tsy kokoako hao nahareo? Arofoanan' Añahare! 12 Fa ho
toloñeko avao o fanoekoo, soa te haitoko ty fijohaña' o mpieva ho hambañe ama'ay
amy firoharohà' iareoio. 13 Toe firàhem-bande, mpamañahy an-tsata, misare Firàhe'
i Norizañey. 14 Tsy ilatsañe! Fa misare anjelin-kazavàñe ka i mpañìnjey. 15 Aa le tsy
mahasovoke te misare mpitoron-kavantañañe o mpitoro'eo, fa hañeva o sata'eo ty
figadoña' iareo†.

*Mirengetse i Fisotria'ey*

16 Indraeko ty hoe: Ee t'ie tsy hatao seretse, fe naho tsie, le ndra te minè, rambeso
avao hisengeako betebeteke. 17 O volañeko zao, tsy ty amy TALÈ fa am-pirengean-
dagola o fahavaniako mitreñeo. 18 Kanao maro ty mirenge amy haondati'ey, le
hirenge ka. 19 Toe leo' areo mahihitseo an-kafaleañe ty minè. 20 Lefe' areo ka
te ondevozeñe, te abotseke, te haramamoeñe, te irengevohañe, te tampifieñe am-
piambina.
21 An-kasalarañe ty iantofako te naleme; f'ie amy ze ahavania' ondaty hirenge
aman-dra inoñ' inoñe, (toe mivavañoake) le mahasibeke ka. 22 Hebreo v'iereo?
Zaho ka! Nte Israele hao? Zaho ka! Tarira' i Abraàme hao? Zaho ka! 23 Mpitoro'
i Norizañey v'iereoo? (reha' ty tondreñe), lombolombo' iareo raho: nilosoreko

---

† **10:17** Iir 9:23 * **11:4** Mat 24:5,23-24, Jao 5:43 † **11:15** Mat 7:15-23, Pe II 2:1-22; Mat 13:41-42

am-pitromahañe, nilikoareko am-pandrohizañe, pinisopiso tsy amañ'ohatse; beteke
am-pihembañem-pihomahañe; [24] In-dime te niazoko amo Tehodao i efa-polo-poke-
raikey‡. [25] Dinabo' ty doda in-telo; finetsa-bato indraike; nijon-dakañe naho ni-
joroboñe in-telo; nahamodo ty andro naho haleñe raike an-driak' ao; [26] beteke, an-dia
lava; niatre feh' ohatse an-tsaka ao; nampihembañe' o malasoo, niatre-boiñe aman-
drofokoko; niatre-doza amo kilakila ondatio, tendre-kankàñe an-drova, hekoheko am-
patrambey, varata an-driak' ao, naho feh' ohatse amo longo anìfe'eo; [27] nimokotse
am-pitromahañe naho nanivontivoñe; haleñe maro an-tsareke, naran-drano naho
kerè, beteke nifeake tsy aman-kàne, nilonjetse vaho nihalo; [28] mandikoatse i alafe'e
rezay, le manindry ahy lomoñandro ty fiatrafako o hene Fivorio. [29] Ia ty maifoifo te
zaho tsy midazidazitse? Ia ty azizin-draha t'ie tsy mipolepoletse?
[30] Aa naho tsy mahay tsy hirengetse raho, le hisengèko o hakepehakoo.
[31] Arofoanan' Añahare Rae' i TALÈ IESOÀ Norizañey, i andriañeñe nainai'ey, te tsy
mavande raho. [32] Ie te Damaskose ao, le nampamandroñe' ty ragova fehe' i Areta
mpanjakay i rova Damaskosey, hitsepak' ahy; [33] le nazotso an-kàroñe boak'an-dalan-
kede amy mànday raho vaho nipoliotse am-pità'e.

# 12

### *Ty Aroñaro'i Paoly*

[1] Mbe hitolom-pitrèñe raho, ndra te tsy vente'e, fe honjoneko o aroñaroñeo naho o
famentabentara' i Talèo. [2] Fantako t'indaty amy Norizañey, ie folo taoñe efats' amby
zay, (ke am-bata'e, tsy haiko, he tsy am-bata'e, amoeako, fa arofoanan' Añahare),
ie nonjoneñe mb'an-dikeram-pahatelo mb'eo. [3] Ty fohiko am'indatiy—ie nofiko ke
niam-bata'e he tsy niambata'e, fa arofoanan' Añahare— [4] ie nampionjoneñe mb'
an-tanen-kavelom-b'eo vaho nahajanjiñe saontsy tsy mete volañeñe, fa faly tsy azo
saontsie' ondaty. [5] Ho rengeko i nitalilieñey, fe tsy hisenge ty vatako naho tsy amy
hakepehakoy. [6] Aa ndra t'ie hirenge, tsy hanao minè, fa ty hatò avao ty ho volañeko;
fe ifoneñako, kera hañonjona'e ahy ambone' ty isa'ondaty amako naho ze janji'e
amako.

### *Fatike ami'ty Nofotse*

[7] Aa ke ho rengevoheko ty hara'elahi' o famentabentarañeo, le nampitsipohem-
patike ty nofoko, ìra' i mpañìnjey hamolevole ahiko, hikalañ' ahy tsy hiebotsebotse.
[8] Fa in-telo ty nihalalieko amy TALÈ t'ie hasitake amako. [9] Fe hoe re tamako:
Mahaeneñe azo o hasoako, vaho fonireñe an-kavozoañe o haozarakoo. Aa le
ho sengeko an-kaehake i falejolejokoy, soa te himoneñe amako ato ty faozara' i
Norizañey. [10] Aa le mahafale ahy o haifoifoko, o fañinjeañeo, o haemberañeo,
o fampisoañañeo, vaho o faloviloviañe ty amy Norizañeio, toe maozatse raho te
màmake.

### *Ty Fidarea'e amo nte-Korintoo*

[11] Misare gege raho, fe nizizie' areo. Toko'e inahareo ty nandrenge ahiko;
amy te, tsy zai' o Firàheñe mitiotiotseo ndra ami'ty inoñ' inon-draho, ndra te tsy
manjofake. [12] Fa nimaneañe am-pahaliñisañe añatrefa' areo o vilom-Piràheñe too—
o famantarañeo naho o halatsañeo naho o raha tsitantaneo. [13] Aa vaho inoñe ty
nahamasay anahareo amo Fivory ila'eo, naho tsy te zaho tsy naloetse ama' areo?
Iheveo i nandilarakoy!
[14] Oniño, t'ie veka'e henaneo ty homb' ama' areo añe fañintelo'e; tsy te
hampivaveako vaho tsy ipaiako vara, fa inahareo, amy te tsy o ajajao ty mañaja ho

‡ **11:24** Its 25:3

aman-droae, fa o roae'eo ho a o ana'eo. [15] Mahaehake ahy ty hañenga naho hengaeñe
ho anahareo, aa naho losoreko ty fikokoako, hazetse hao ty fikokoañe ahiko?
[16] Ndra te zay, tsy niloerako. F'ie mahay fañahy le nitsepake anahareo an-
ka'kalitahañe. [17] He nañaramamoako amo nañirahakoo? [18] Nosiheko t'i Titosy vaho
nampindrezako ty rahalahy. Nañaramamo anahareo hao t'i Titosy? Tsy añ' arofo
raike naho an-dia raike hao o fañaveloa'aio?
[19] Atao' areo t'ie nitolom-piveroke ama' areo hao hatrela zay? Toe añatrefan'
Añahare, amy Norizañey ty nitaroña'ay, ry rañetse, hampiraorao anahareo. [20] Ty
maha-mahimahiñ'ahy, zaho hiheo mb'eo, he tsy ho treako ami'ty fisalalàko, vaho
tsy ho isa' areo ami'ty fañiria' areo ahy; ke eo ty liedietse, ty tsikirìke, ty loa-
tiñake, ty firahambañe, ty fandrabioñe, ty fitsikotsikoañe, ty evoñevoñe, vaho ty
havalitsikotahañe. [21] Hera te hombako mb'eo indraike, le haketran' Añahareko
añatrefa' areo, vaho hirovetako o maro nandilatse mbe tsy nisoloho amy leotseio,
o hakarapiloañeo naho ze hasalarañe nanoeñe.

# 13

*Ty Hatahata Honka'e*

[1] Ho lìako fahatelo mb'ama' areo mb'eo itoy: Am-paliem-balolombeloñe telo ndra
roe ty hampijadoñeñe ze hene saontsy*. [2] Le o nandilatseo naho o ila'eo, toe ho
taroñeko miaolo, t'ie mbe tsy añe, te hambañe amy vinolako amy fañindroeko teoy,
t'ie homb'eo indraike, le tsy ia ty hapoko, [3] amy te paia'areo hamenteañe i Norizañe
misaontsy añamakoy; ie tsy maleme ama' areo, fa toe maozatse ama' areo. [4] Toe
pinèke amy halemea'ey re fe veloñe an-kaozaran' Añahare. Maleme ama'e ao zahay,
fe ho veloñe ama'e ty amy haozaran' Añahare mitoloñe ho anahareo.
[5] Mitsohà vatañe hera amam-patokisañe. Miventea! Tsy fohi' areo hao te añ'arofo'
areo ao t'Iesoà Norizañe†?—naho tsy t'ie nilesa amy fitsohañey. [6] Isalalako te ho fohi'
areo te tsy milesa zahay. [7] Aa le halalie'ay aman' Añahare te tsy handilatse nahareo,
tsy te hampiboake anay ho nahatafetetse, fa te hanoe' areo ze mahity, ndra te hatao
naito zahay. [8] Tsy lefe'ay ty mandietse ty hatò, te mone honjone'ay ty hatò. [9] Ifalea'ay
ty haleme'ay naho te inahareo ro maozatse; eka ihalalia'ay t'ie ho fonireñe‡ . [10] Zay
i nisokirakoy, zaho tsy ama' areo, soa tsy hisenge hery ama'areo te miatreke, ty amy
lily natolo' i Talè ahiko ho ami'ty fañasoàñe, fa tsy ho ami'ty fandrobahañe.

*Figadoña'e*

[11] Ie amy zao, ry longo, mirebeha, mihafonira§, manintsiña, miharoa rehake,
mifampilongoa; lonike ho ama' areo i Andriam-pilongoañe naho fikokoañey.
[12] Mifañontanea añ' oroke miavake. [13] Songa mañontane anahareo o noro'eo.
[14] Ho ama' areo iaby abey ty hasoa' Iesoà Talè Norizañey, naho ty fikokoan'
Añahare, vaho ty fitraofañ' ìna amy Arofo Masiñey. Amena.

* **13:1** Its 19:15 † **13:5** Rom 8:10, Gal 2:20, Efe 3:17 Kol 1:27 Jn I 4:4 ‡ **13:9** Mat 5:48 § **13:11** Mat 5:48

# Galate

*Ty Foto' ty Hasoa*

1 I Paoly, Firàheñe, (tsy nirahe' ondatio, ndra t'indaty, fa IESOÀ Norizañey naho i
Andrianañahare Rae nampitroatse aze an-kavilasy) 2 naho o longo amako atoa iabio,
Ho amo Fivory e Galate añeo:
3 Hasoa naho Fañanintsiñe boak' aman' Añahare Rae naho i Talèntika IESOÀ
Norizañey, 4 ie nanolo-piaiñe ty amo hakeon-tikañeo, handrombake antika ami'ty sa
raty henaneo, ty amy satrin' Añahare Raen-tikañe; 5 ama'e abey ty engeñe nainai'e
donia. Amena

*Raike—Tsy Roe Tsy Telo—i Talili-soay,*

6 Mahalatsa ahy te nifarie' areo aniany i nikanjy anahareo mb'amy hasoa' i
Norizañeiy, hitolik' amy ze o talili-soa* ila'e zao, 7 tsy t'ie aman' ila'e, fe ao ty
mitsibore anahareo hañamengoke ty talili-soa' i Norizañey 8 Aa ndra te zahay, ndra
te anjely hirik' andindiñe añe ty mitaroñe ama' areo ty talily ila' te amy nitaroñe'aiy,
le sira naho molale. 9 Hambañe amy fivola'ay teoy, le indraeko henaneo, ndra ia
t'indaty minday talili-soa ama' areo mandietse i rinambe' areoy, le fatra an-tane.
10 Mipay fañisohañe am'ondatio hao raho henaneo he aman' Añahare? Ke mipay
hahafale ondaty? F'ie te ho nanitra ondaty, le tsy ho ni-fetrek'oro' i Norizañey.

*Kinanjin'Añahare t'i Paoly*

11 Hampahafohineko anahareo ry longo, te tsy nifototse am'ondaty i talili-soa
itaroñakoy. 12 Tsy rinambeko ama' ondaty, naho tsy nanarañ' ahiko, fa amy
namentabentara' IESOÀ Norizañey ahiy.
13 Toe jinanji'areo i fanoeko taolo amo Tehodaoy, te loho nampisoañeko i Fivorin'
Añaharey, naho nimaneako rotsake, 14 vaho nionjoñe amy fitalahoa' o Jiosioy
mandikoatse o longoko maro mpirai-nono amakoo, ie nilozoheko o lilin-droaekoo.
15 Aa kanao ninòn' Añahare nañambak' ahy boak' an-tron-dreneko ao, le nikanjie'e
ty amy hasoa'ey, 16 hampalangese'e amako i ana'ey, hitaroñako aze amo kilakila'
ondatio; ie henane zay tsy niharoako safiry ty nofotse aman-dio 17 naho tsy
nionjomb'e Ierosaleme mb' amo Firàheñe taolokoo mb'eo f'ie nifokofoko mb' Arabia
añe; vaho nimpoly mb'e Damaskose ao.
18 Ie niritse ty telo taoñe le nionjomb'e Ierosaleme mb'eo hifandrèndreke amy
Kefasy, vaho nitoboke ama'e ao folo andro lim' amby. 19 Le tsy nahatrea Firàheñe
ila'e raho naho tsy Iakobe, zai' i Talè avao. 20 (Aa ty amo sokireko ama' areoo, le
ifantàko añatrefan' Añahare te tsy mandañitse.) 21 Ie añe, le nimb'am-paripari' i
Sirià naho i Kilkia mb'eo; 22 ie mb'e namoea' o Fivory amy Norizañey e Iehodào ty
tareheko. 23 Toe jinanji' iereo avao te, i nampisoañe antika taoloy ro mone mitsey i
fatokisañe nimanea'e rotsake heikey. 24 Le nandrenge an' Andrianañahare ty amako.

## 2

*No' o Firaheñeo t'i Paoly*

1 Ie folo taoñe efats' amby añe, le nionjomb'e Ierosaleme mb'eo indraike raho
nindre amy Barnabasy; nindese'ay ka t'i Titosy. 2 Nionjoñe mb'eo te nentoeñe, aa ie
natolako ze atao bey am' iereo le nampalangeseko am'iereo ty talili-soa fitaroñako
amo kilakila ondatio, ke tsy jefa'e i filaisakoy ndra i nilaisakoy. 3 Fe ndra i Titosy,

* **1:6** Ko II 11:4

Grika, mpiamakoy tsy nazi’ iereo ho savareñe. 4 Ie amy zao pok’eo o roahalahi-anifeo,
nijekejeke, nifilo ty fidadàn-tika am’ IESOÀ Norizañey, handrohy an-tika. 5 Fe tsy
nimete niandaly am’iereo ndra ora raike zahay, soa te hirekets’ ama’ areo nainai’e ty
hatò’ i talili-soay. 6 Aa le o atao mpiaoloo, (toe tsy ahoako t’ie inoñe, amy te tsy mirihy
t’i Andrianañahare)—toe tsy nahatovoñe inoñ’ inoñ’ amako i mpiaolo rey, 7 te mone,
ie nahaoniñe te nafantoke amako i talili-soa’ o tsy sinavatseoy, manahak’ i Petera
amo sinavatseo, 8 (amy te i nifanehake amy Petera ho Firàheñe amo sinavatseoy ro
nifanehake amako ka ho amo kilakila ondatio), 9 le ie nioni’ Iakobe naho i Kefasy
vaho i Jaona, i atao fàhañe rey, i falalàñe natolotse ahikoy, le nañity fitàn-kavanam-
pilongoañe amako naho amy Barnabasy, te zahay ro homb’ amo kilakila ondatio,
naho iereo mb’amo sinavatseo, 10 vaho t’ie hahatiahy o rarakeo, fa toe malisa amy
zay raho.

### *Mifañatreatre amy Petera*

11 Aa ie nivotrake Antiokia ao t’i Kefasy, le natreatreko an-dahara’e fa namà-
batañe: 12 amy t’ie taolo’ ty nivotraha’ ondaty boak’ am’ Iakobe añe le nitrao-
pikama amo kilakila ondatio, fa naho niloneake eo iereo. nihankan-dre, nivìke amy
fihembaña’e o mpiamo sinavatseoo. 13 Nitrao-pamañahiañe ama’e o Jiosy ila’eo,
kanao sinoike añe amy famañahiañey ka t’i Barnabasy. 14 Aa naho nitreako t’ie tsy
nañavelo an-kavantañañe amy hatò’ i talili-soaiy, le hoe raho amy Kefasy añatrefa’
iareo iaby: Naho ihe Jiosy ro mañorike ty fanao’ o kilakila ondatio fa tsy o Jiosio, le
ino ty anoroa’o amo kilakila ondatio ty hañavelo manahake o Jiosio?

### *Rombaheñe am-Patokisañe*

15 Jiosy tika ami’ty nofotse fa tsy mpanan-kakeo boak’ amo kilakila ondatio,
16 fohiñe te tsy mahavantañe ondaty ty fimanemaneañe Hake, fa ty figahiña’ IESOÀ
Norizañey. Aa le niantoke IESOÀ Norizañey tika naho nivantañeñe amy figahinam-
patokisa’ i Norizañeiy, le tsy am-pimanemanean-Kake, fa tsy eo ty ama’ nofotse
ty ho vantañe’ ty fimanemaneañe Hake. 17 Aa naho ie mipay ho vantañeñe amy
Norizañey ro zoeñe te aman-kakeo; mahampitoron-kakeo i Norizañey hao zay?
Sondo’e! 18 Fa naho atroako indraike i narotsakoy, le mamente-vatañe te mpiola.
19 I Hake ty namono i fimanemanean-diliy amako*, hivelomako aman’ Añahare,
20 niharo niradorado amy Norizañey raho fe tsy zaho ty veloñe, fa mimoneñe amako
ato i Norizañey†, vaho ty fivelomako ami’ ty nofotse toy henaneo ro ivelomako amy
fatokisañe te velome’ i Anan’ Añahare nikoko vaho namoe-ay ho ahikoy. 21 Tsy apoko
ty falalàn’ Añahare, fa naho nivantañe’ ty fimanemanean-Kake, le tsy vente’e ty
nivetraha’ i Norizañey.

## 3

### *Ke o Fepètseo he ty Fatokisañe*

1 O ry nte-Galate gegeo! Ia ty namoreke anahareo tsy hatokisa’ areo ty hatò? ie
añatrefam-pihaino’ areo ty nampalangesañe ty fipehañe IESOÀ Norizañey. 2 Inao
ty teako hatoro’ areo ahiko: Rinambe’ areo ami’ty fimanean-Kake hao i Arofoy?
Ke natokisañe i nijanjiñañey? 3 Minè v’inahareoo? Ie namototse amy Arofoy, ho
fonireñe amy nofotsey hao henaneo? 4 Tsy vente’e hao o raha maro nijalea’ areoo,
toe tsy jefa’e hao? 5 I nanolotse anahareo i Arofoy naho mitolon-draha tsitantane
añivo’ areoy; itoloña’e am-pimanean-Kake hao, ke am-patokisañe i jinanjiñey?
6 Hambañe amy Abraàme;
Natokisa’e t’i Andrianañahare

* 2:19 Rom 7:1-25 † 2:20 Rom 8:10, Ko II 6:16, 13:5, Efe 3:17, Kol 1:27, Jn 1 3:24

vaho vinolili'e ho havañonañe ama'e.*
7 Arendreho arè te toe ana' i Abraàme o amam-patokisañeo. 8 Aa kanao nitokie' o
Sokitse Masiñeo te hampivantañen' Añahare ami' ty fatokisa'e o kilakila ondatio, le
tsinara'e amy Abraàme aolo' i talili-soay, ty hoe:
Ama'o ty hitahiañe ze hene fifeheañe,†
9 Aa le mindre tahieñe amy Abraàme mpiàtoy o mpiatoo.
10 Songa nafàtse ze mpimane Hake, fa hoe ty pinatetse:
Sindre afàtse ze tsy mitolom-panao
ze hene pinatetse amy Boke Hakey.‡
11 Malange te tsy ia ty ho vantañe' i Hake añatrefan' Anañahare, fa,
Veloñe amy fatokisa'ey ty vantañe.§
12 Tsy fatokisañe ty fimanemanean-dily, fe
Iveloma' ty manao irezay.*
13 Jineba' i Norizañey amy fatse amy Hake aoiy tika, ie nafàtse ho antika, fa hoe ty
pinatetse:
Fonga afàtse ze aradorado an-katae†
14 soa te am' IESOÀ Norizañey ty hitotsaha' ty fitahia' i Abraàme amo kilakila
'ndatio, handrambesa'e am-patokisañe i Arofo nitamañey.

### *Ty Lily naho ty Fampitamañe*

15 O ry longo, ho razañeko ami'ty fanoe' ondatio: Ndra t'ie fañina' ondaty, naho fa
najadoñe, le tsy eo ty mamaopaoke aze ndra manovoñe fepetse ama'e; 16 ie amy zao,
nanoeñe amy Abraàme naho amy tiri'ey o fampitamañeo. Tsy natao ty hoe: Naho
amo tiri'eo, hoe t'ie maro, fa ami'ty raike, ami'ty hoe:
Naho amy tiri'oy,‡
toe i Norizañey. 17 Zao o taroñekoo: Tsy mahafaoke i fañina nititihen' Añahare
hampikoaha'e i fampitamañeiy i Hake nanoeñe efa-jato-tsi-telo-polo taoñe mb'atoiy.
18 Fa naho miato aman-Kake ty lova, le tsy miato amy fampitamañey, fe fampitamañe
ty nanoloran' Añahare aze amy Abraàme.
19 Inoñ' arè ty asa' i Hake? Natovoñe ty amo hakeoo, ie norizañe amo anjelio
am-pitàm-pañalañalañe ampara' te nivotrake i Tiry nampitamañey. 20 Tsy mañila
t'indaty añivo, fe raike t'i Andrianañahare.
21 Aa vaho mifandietse amo fampitamàn' Añahareo hao t'i Hake? Sondo'e! Fa
naho eo ty hake nitolorañe ze ho nahaveloñe, le i hake zay ty ho nahavantañe. 22 Fe
kila nagabe' i Sokitse Masiñey ambanen-kakeo ao, soa te hatolotse amo mahafiatoo i
nampitamañey, añamy fatokisa' IESOÀ Norizañeiy.
23 Ie mbe tsy pok' atoy i fatokisañey, le rinohy ambane' i Hake tikañe, narindriñ' ao
ampara' te naboake o fatokisañeo. 24 Aa le nimpañoke antika homb' amy Norizañey
mb'eo t'i Hake, soa te hivantaña' i fatokisañey. 25 Kanao eo i fatokisañey, le tsy fehè'
i mpañokey ka tika.

### *Anak' Andrianañahare*

26 Songa anan' Añahare nahareo amy fatokisa-migahi' IESOÀ Norizañeiy, 27 le
inahareo nalipotse amy Norizañey ro misikiñe i Norizañey. 28 Tsy eo ndra Jiosy
ndra Grika, tsy eo ndra ondevo ndra midada, tsy eo ndra lahilahy ndra ampela; amy
te hene raike am' IESOÀ Norizañey. 29 Aa ie amy Norizañey, le tarira' i Abraàme,
mpandova ty amy nampitamàñey.

---

* **3:6** Fot 15:6 † **3:8** Fot 12:3, 18:18, 22:18 ‡ **3:10** Its 27:26 § **3:11** Kab 2:4 * **3:12** Sor 18:5 † **3:13** Its 21:23 ‡ **3:16** Fot 12:7; 13:5,22,18, 17:7, 24:7

# 4

1 Hoe ty hatovoko: Tsy mifañòva ami'ty ondevo ty mpandova mbe ajaja, ndra t'ie
ty tompo' ze he'e; 2 amy t'ie fehè' o mpañabeio naho o mpañokeo ampara' ty andro
tinendren-drae'e. 3 Itikañe ka, naho mbe ni-ajaja ro nondevoze' o fañè' ty voatse
toio. 4 Fa naho nitsatoke ty fañenefañe i saay, le nahitrin' Añahare t'i Ana'e, sinama'
ty Rakemba, toly ambane' Hake, 5 hijebañe o ambane' Hake aoo, hameloñe an-tika
ho anake. 6 Aa kanao anake, le fa nahitrin' Añahare añ'arofo' areo ao t'i Arofo' i
Ana'ey, mikoike: Aba, Rae. 7 Aa le tsy ondevo ka rehe, fa anake; aa kanao anake, le
mpandova aman' Añahare, añamy Norizañey.

### *Endaha' i Paoly*

8 Ie taolo, mbe tsy nahafohiñe an'Andriananañahare, naho niondevo' o toe
tsy ndrañahareo; 9 f'ie mahafohiñe an' Andriananañahare henaneo—toe i Andri-
anañahare ty maharofoanañe anahareo—aa mañino te tolihe' areo indraike o
fañè maleme naho votroo*? Te hiheren-ko ondevo' irezay indraike v'inahareo?
10 hañorik' andro naho volañe naho sa vaho taoñe? 11 Imarimarihako he kafoake
ty nifanehafako ama' areo.
12 O ry longo, mihalaly ama' areo, misoloa ahy, manahake ty nisoloako anahareo—
ie tsy nanao raty ahy. 13 Fohi' areo te an-kasilofan-tsandriñe ty nitaroñako i talili-
soay tam-baloha'e. 14 Le tsy nisirikaeñe naho tsy nampangorì' areo, i nañembetse
ahy amy hasilofan-tsandrikoy, fe nampihovae' areo hoe t'ie ni-anjelin' Añahare, toe
nanahake Iesoà Norizañey. 15 Aia i fañanintsiñe tama' areoy? Mahavolan-draho
naho nimete, te ho napoliti' areo o fihaino' areoo vaho natolots' ahiko. 16 Aa vaho
rafelahi' areo hao raho kanao ivolañako ty hatò?
17 Malisa mipay anahareo iereo, tsy te hañasoa, fa ty hampiria an-tikañe, hipiteha'
areo ama'e. 18 Soa avao te paiañe t'ie hahimbañe nainai'e ho ami'ty hasoa, fa tsy
t'ie miatreke avao. 19 Ry anake, hoe mitsongo te hiterake indraike raho ampara' te
miforoñe ama' areo ao i Norizañey. 20 Sinda te ho ama' areo raho henaneo hiovà' ty
feoko fa mahasekatse ahy.

### *I Hagara naho i Saraha*

21 Mitalilia, ie te ho fehè' i Hake, ke tsy janji' areo t'i Hake? 22 Toe pinatetse
te nanañ' anake roe t'i Abraàme, teo ty a i ondevo ampelay, teo ty a i rakemba
hahay. 23 Naterake amo haondatio i anak' ondevoy, fe amy nampitamañey i anan-
drakemba hahay; 24 fandrazañañe ami'ty fañina roe iereo: ty raike hirike am-bohi-
Sinaiy miterake fañondevozañe, i Hagara zay. 25 Vohi-Sinay e Arabia añey t'i Hagara,
ie manoiñe ho Ierosaleme henaneo, amy t'ie mitoroñe hoe ondevo miharo amo
ana'eo. 26 Fe haha t'Ierosaleme ambone ao, ie ty renen-tikañe. 27 Hoe ty pinatetse:
Mirebeha ry betsiterake tsy mahatoly!
Mipoñafa an-koiake, ry tsy mitsongoo!
Fa maro ty ana' i bangiy,
te amy amam-baliy.†
28 Le manahak' Isaka, ana' i fampitamañey, tika ry longo. 29 F'ie henane zay,
nampisoañe' i naterake amy nofotseiy i amy Arofoy, le ie ka henaneo. 30 Aa vaho
ino ty pinatetse amy Sokitse Masiñey ao?
Aitò i ondevo ampelay naho i ana'ey,
fa tsy hitrao-dova amy ana' i rakembaiy ty ana' i ondevoy.‡
31 Ie amy zao ry longo, tsy ana' i ondevo ampelay tika, fa amy hahay.

---

* **4:9** Gal 4:3, Kol 2:8,20 † **4:27** Ies 54:1 ‡ **4:30** Fot 21:10

# 5

*Fierañerañañe amy Norizañey*

1 Fidadàñe ty nañahà' i Norizañey antika, aa le mijadoña, soa tsy ho fandrihe' i
jokam-pañondevozañey ka.
2 Intoy, zaho Paoly o mivolañe ama' areoo, t'ie miafa-boy, le tsy hahasoa anahareo
i Norizañey. 3 Atalilíko indraike ze hene lahilahy mamotso-boiñe, t'ie mpisongo,
ro voalily hañambeñe ze he'e amy Hake ao. 4 Fa nifampiria amy Norizañey
nahareo, mipay havantañañe amo fañèo, vaho fa nitraboke amy hasoay. 5 F'ie amy
Arofoy ro mandiñe am-patokisañe te ho heneke i havantañañe tamàñey. 6 Ie am'
Iesoà Norizañey ao, le songa tsy vente'e ty fisavarañe naho ty tsi-fisavarañe, fa ty
fatokisañe mifanehake am-pikokoañe.
7 Nisoa ty filaisa' areo, fa ia ty nanebañe anahareo tsy hañambeñe ty hatò? 8 Tsy
boak' amy mpikanjy anahareoy o manigìke anahareo zao. 9 Mahaatseke ty boko'e
iaby ty lalivay kede. 10 Iantofako amy Talè, t'ie tsy hivetsevetse raha ila'e; fa i
mampitsiborehetoke anahareoy ty hivave i fizakàñe azey, ndra te ia. 11 Zaho ka
ry longo, naho mbe mitaroñe fisavarañe, inoñe ty ampisoañañe ahy? amy t'ie
ho nampikòake ty sirìka' i hatae ajaley. 12 Ee te ho vosireñe ka o mañembetse
anahareoo.
13 Toe kinanjy ho haha nahareo ry longo, aa le ko afotetse ho filomolorañe amo
nofotseo ty fidadà' areo, fe mifañasoà an-koko. 14 Toe mahaeneñe i Hake ty tsara
raike manao ty hoe:
Kokò ondatio manahake ty vata'o.*
15 Fa naho mifandrimitse naho mifamotseke, mitaoa, hera hifampigodrañe!

*Haveloñe amy Arofoy*

16 Aa hoe raho: Mihavelo amy Arofoy, le tsy ho haoñe' areo ty hadrao' i nofotsey.
17 Mpandietse i Arofoy i nofotsey, naho i nofotsey i trokey; mifandietse iereo soa tsy
hanoe' areo ze satri'areo, 18 f'ie iaolòa' i Arofoy, le tsy ambane' i Hake.
19 Malange ty sata' o nofotseo: ty hakarapiloañe, haleorañe, hameñarañe,
20 fiatoañe am-pahasive, famorehañe, fifalaiñañe, filie-drokoñe, fitsikirihañe, filoa-
tiñake, fifandierañe, fifampiambahañe, fifampiriàñe, 21 fihàñañe, hamamoañe,
fihisàn-draty vaho o manahake irezaio; inao indraike i hatahata hinatahatako
anahareoy, te tsy handova i Fifehean' Añaharey o manao irezaio†.
22 Le ty voka' i Arofoy: fikokoañe, firebehañe, fañanintsiñe, fahaliñisañe,
havantañañe, fatarihañe, figahiñañe, 23 trentram-po, filieram-batañe. Tsy amy
Hake ty mandrara irezay. 24 Fa naradorado' o mpiamy Iesoà Norizañeio i haondaty
hambo'ey rekets' o fañiria'e naho hadrao'eo.
25 Kanao veloñe amy Arofoy tikañe, antao hañavelo amy Arofoy ka. 26 Asoao tsy
hirengevoke, hifanikisìky naho hifampitsikirìke.

# 6

*Soao Ondaty iabio*

1 O ry longo, ie tsikapien-kakeo t'indaty, le ihe aman' arofo ro mañareñe aze ami'ty
hatsò-po, mitaoa tsy mone ho zizieñe ka. 2 Mifampivavea kilankañe, hañenefañe i
Ha' i Norizañeiy.
3 Naho eo ty mieva-vatañe ho inoñe, ie tsy vente'e, le mamañahy vatañe. 4 Ee te
songa hamente o fitoloña'eo, hanaña'e ty ho rengè'e an-troke fe tsy ami'ty ila'e, 5 fa
sindre hinday ty kilanka'e.

* **5:14** Sor 19:18 † **5:21** Ko I 6:10

6 Handìva’ i mioke amy tsaray amy mpañokey ze hene hasoa.
7 Asoao tsy ho fañahieñe, tsy verevereñe t’i Andrianañahare, fa ho tatahe’
ondatio i nitongise’ey. 8 I mitongy amy haondati’eiy, ro hanatake hamomohañe amy
haondati’ey; fa i mitongy amy Arofoy, le i Arofoy ty hanataha’e haveloñe nainai’e.
9 Asoao tika tsy hilesa ami’ty fanoan-tsoa, fa hamokatse an-tsa mañeva naho tsy
mamoe aiñe. 10 Aa kanao mbe mete, antao hañasoa ze hene ondaty, àntsake o an-
kasavereñam-patokisañeo.

*Tsy Votso-boy fa Voatse Vao*

11 Hehe ty fibakabaka’ o sokin-tañako ho ama’ areoo.
12 O te hisenge hasoa-vintañe amy nofotseio ro manjitse anahareo hañofoke,
iholiara’ iareo ty fampisoañañe ty amy hatae-ajale’ i Norizañeiy. 13 Toe tsy ambena’ o
sinavatseo t’i Hake, fa mipay anahareo hiofoke, hievoñevoña’ iareo amo nofo’ areoo.
14 Sondo’e te hirengeako naho tsy amy hatae ajale’ i Talèntika Iesoà Norizañeiy,
i nampipehañe ty voatse toy amako, naho zaho ami’ty voatse toiy. 15 Songa tsy
manjofake ndra o fisavarañeo ndra o tsi-fisavarañeo; fa ty fiovàn-ko vao*.
16 Fañanintsiñe naho fiferenaiñañe amo mañorike i fañè zaio, vaho am’ Israelen’
Añaharey.
17 Ie henane zao, ee te tsy ho tsiborehetohe’ ondaty, zaho minday am-batako etoa
o tombok’ alama’ IesoÀo. 18 Ry longo, ho amo arofo’ areoo abey ty hasoa’ i Talèntika
Iesoà Norizañey. Amena.

* **6:15** Kor I 7:19, Rom 2:26-29, Kor II 5:17

# Efesosy

1 I Paoly, Firàhe’ IESOÀ Norizañey ty amy satrin’ Añahare. Ho amo noro’e Efesosy
añe naho migahiñe am’ IESOÀ Norizañeio.
2 Hasoa ama’ areo naho Fañanintsiñe boak’ aman’ Añahare Raentika naho IESOÀ
TALÈ Norizañey.

*Jinobon-dRae*

3 Andriañeñe t’i Andriananañahare naho Rae’ i Talèntika IESOÀ Norizañey, i mitahy
antika amy Norizañey amy ze hene falalàn’ arofo andindìñe ao, 4 ie nijoboñe’e ho
ama’e taolo’ o mananta’ ty voatse toio, am-pikokoañe ho masiñe tsy aman-kakeo
añatrefa’e*, 5 ie nisafiry haehae ho antika te ho beize’e ho ana’e añam’ IESOÀ
Norizañey, ty amy hasoam-pisafiria’ey. 6 Ho fandrengeañe ty volonahem-patarihañe
nañisoha’e antika amy Ikokoañey.

*Jineba’ i Anakey*

7 Ama’e ty fañeferañe antika amy lio’ey, ty fañahan-kakeo ty amy hasoam-
pañisoha’e 8 nampitoabore’e aman-tika an-kaliforan-kihitse naho faharofoanañe, 9 ie
nampahafohine’e i safiry nisatrie’e añ’etake ao, 10 ze ho henefe’e an-tsà añoñe: ty
fanontonañe amy Norizañey ze he’e andindìñe añe naho an-tane atoy. 11 Ie ka ty
nahazoan-tika lova—itika nijoboñeñe haehae ami’ty fandrefea’ i mañeneke ze he’e
ami’ty ereñeren-tsatrin’ arofo’ey, 12 soa te ho fandrengeañe i asi’ey tika nitamà i
Norizañey valoha’e.

*Pinate’i Arofoy*

13 Ama’e ao ka nahareo ie jinanji’ areo ty tsaran-katò, i talili-soa nandrombahañe
anahareoy, ie niatoa’ areo ro vinoli-fitomboke amy Arofo Masiñe nampitamaeñey;
14 i natolotse ho tsoa’ i lovantikañeiy ampara’ ty fijebañañe o azeo, ho ami’ty
fandrengeañe mañeva i asi’ey.

*Fañandriañañe naho Halaly*

15 Aa zaho ka, ie tsinanoko ty fatokisañe IESOÀ TALÈ ama’ areo, naho ty fikokoa’
areo o noro’e iabio, 16 le tsy adoko ty fañandriañañe ty ama’ areo, ie toñonako an-
kalàliko 17 te ho toloran’ Añaharen-Talèntika IESOÀ Norizañey, i Raem-bolonahetsey,
ty Arofon-kihihitse naho famentabentarañe hahafohinañe aze, 18 naho te ho
hazavaeñe o fihainon’ arofo’ areoo†, hahafohina’ areo i fampitamàñe nikanjiañe
anahareoy, naho ty vara aman’ enge’ i lova’e amo noro’eoy, 19 vaho ty hajabahinan-
kaozara’e amantika mpiato, ty amy fitoloña’ i hafatraran-kaozara’e 20 nifanehafa’e
amy Norizañeiy, ie vinaño’e an-kavilasy vaho nampiambesare’e am-pitàn-kavana’e
andindìñe ao, 21 ambone andikera’ ze hene lily naho haozarañe naho fifeheañe vaho
ze kila tahinañe toñoneñe, tsy ami’ty sa toy avao, fa amy ho aviy ka. 22 Mbore napo’e
ambanem-pandia’e ao ze he’e‡, vaho natolo’e aze ty ho lohà’ ze halifora’e amo Fivorio
— 23 i fañòva’ey, ty hahenefa’ i mañatseke ze he’e an-kalifora’ey.

## 2

*Sata Hambo’e: Mate aman’ Añahare*

* 1:4 Te I 2:13 † 1:18 Lke 24:45 ‡ 1:22 Sab 8:6

1 Fa nivilasy amo tahiñe naho hakeo' areoo nahareo*, 2 ie nañavelo an-tsata' ty
voatse toy te taolo, nañorike ty ana-dovàn-kaozara' i tiokey, i fañahy mifanehake an-
tro' o anam-panjeharañeoy†. 3 Toe hene nimpiam' iereo ka tika taolo amo hadraom-
batan-tikañeo, ie nañeneke o nipaia' o nofotseoo naho o fivetsevetseo vaho ni-anan-
kabosehañe amo satan-tikañeo, manahake o ila'eo.

### *Sata Vao: Veloñe aman' Añahare*

4 Fe i Andrianañahare, mpañaleale am-piferenaiñañe, ty amy fikokoa'e jabajaba
nikokoa'e antikañey, 5 itika nikoromake an-kakeo ro nampitroara'e ho veloñe mindre
amy Norizañey (i hasoa'ey ro mandrombake anahareo), 6 le naharo'e fionjoñe
ama'e tika, naho nampindreze'e fiambesatse andindìñe añe am' IESOÀ Norizañey,
7 hampalangesa'e amo sa añeo ty hajabahinan-kasaron-kasoa'e ami'ty fatariha'e
aman-tika am' IESOÀ Norizañey. 8 I hasoa'ey ty mandrombake anahareo am-
patokisañe, toe tsy inahareo, fa ty falalàn' Añahare, 9 le tsy o fitoloñañeo, tsy mone
ao ty hiebotsebotse. 10 Satam-pità'e tikañe: naoreñe am' IESOÀ Norizañey hitoloñe o
raha soa hinalankan' Añahare aolo hañaveloan-tikañe ama'eo.

### *Raike amy Norizañey*

11 Aa le tiahio t'ie nimpiamo kilakila ondaty a nofotseo te taolo‡, ie atao' o sinavatseo
ty hoe: tsy sinavatse (o fanoeñe an-tsandriñe am-pitàñeo), 12 mbore tsy tamy
Norizañey nahareo henane zay, ni-renetane amy valobohò' o nte-Israeleoy naho
ambahiny amo fañìnam-pampitamañeo, tsy nanan-ko tamaeñe, vaho tsy aman'
Añahare ami'ty voatse toy. 13 F'ie henaneo ro am' IESOÀ Norizañey ao, ie ni-
tsietoitane añe ro nampañarinea' ty lio' i Norizañey.
14 Ie ty fifampilongoan-tika, ie nanoen-ko raike i roey, naho rinotsa'e i kijoly
nanebañey, 15 ie finongo'e am-pañòva'e ao i fifampirafelahiañey§—toe ty Ha' o
fañè'e nalahatse ho fepètseo—hamitraña'e ama'e ty ondaty vao boak' amy roe
rey, hampanintsiña'e, 16 songa ho jebañe'e am-pañova raike aman' Añahare, ie
nandrotsake i fifampirafelahiañey ami'ty vata'e an-katae ajale eo. 17 Nimb' atoa re
nitaroñe fifampilongoañe amo tsietoitane añeo naho fañanintsiñe amo marineo*,
18 ie ro anañan-tika roe lalañe mb'aman-dRae amy Arofo raikey.
19 Aa le tsy ambahiny, tsy aliheñe ka nahareo, fa borizañe mindre amo noro'eo,
naho hasavereñan' Añaharey†, 20 mioreñe ami'ty mananta' o Firàheñe naho
mpitokio: IESOÀ Norizañe talèm-bato-kotsokey, 21 ama'e ty andrafetañe i anjombay
iaby hitomboa'e ho anjomba Masiñe amy TALÈ ao. 22 Ama'e ao ka ty andranjiañe
anahareo ho fitobean' Añahare añamy Arofoy.

# 3

### *O Raha Mietake amo Fivorio*

1 Zay ty maha mpirohi' IESOÀ Norizañey ahy, Paoly, ty ama' areo kilakila ondatio;
2 naho toe jinanji' areo i famandroñam-palalàn' Añahare natolots' ahy ho anahareoy,
3 ie nentoeñe le nampahafohineñe i raha mietakey (i sinokiko bòry teoy, 4 ie
vakie' areo, ro mete maharendreke ty nioniko amy mietake amy Norizañeiy), 5 ze
tsy nampaharendreheñe o ana' ondatio amo sa ila'eo, manahake ty androrota' i
Arofoy aze henaneo amo Firàhe'e naho mpitoki'e miavakeo, 6 t'ie mpitrao-dova naho
mpirimboñe amy fañòvay naho mpiharo* amy fampitamà'e amy IESOÀ Norizañeiy
añamy talili-soay o kilakila ondatio. 7 i nanoañe ahy mpitoro'ey amy falalàn-
kasoan' Añahare natolotse ahy ami'ty fitoloñan-kaozara'ey, 8 eka, zaho, tsitso'e amo

* **2:1** Efe 2:5, Mat 8:22, Rom 8:6, Kol 2:13, Ti I 5:6, Jn I 3:14, Ben 3:1 † **2:2** Efe 5:6, Kol 3:6 ‡ **2:11** Ko I 12:2
§ **2:15** Kol 2:14, 2:20, Top 11:1-3 * **2:17** Ies 57:19 † **2:19** Rom 11:17-24, Ies 54:1 * **3:6** Rom 11:17-24, Ies
14:1

noro’e iabio, ty nitoloraňe ty hitaroňe amo kilakila ondatio ty vara’ i Norizaňey tsi-
aň’ohatsey, [9] hampalangesaňe ty fitraofan-kina mietake, fa nikafitse haehae aman’
Aňahare Andrianamboatse ze he’e aňamy IESOA Norizaňey†; [10] le o Fivorio ro
haharofoana’ o fifeheaňe naho haozaraňe andindìňeo henaneo, ty haliforan-kihin’
Aňahare, [11] i nisafiria’e haehae naho nihenefa’e amy Talèntika IESOÀ Norizaňeiy, [12] ie
naho i figahiňa’ey ro hahavanian-tika haňarìne aze am-patokisaňe. [13] Aa le ihalaliako
te tsy ho monjetse amo faloviloviako ho anahareoo, ie toe ho ami’ty enge’areo.

*Halaly ho a o nte-Efesosio*

[14] Zay ty itongalefako aman-dRae, [15] boak' ama'e ty fitokavaňe ze hene
hasavereňaňe andindìňe aňe naho an-tane atoy tahinaňe, [16] hanolora’e anahareo
amo varam-bolonahe’eo ty hafatraran-troke naho haozaraňe amy Arofo’ey, [17] le
fatokisaňe‡ ty hahafimoneňa’ i Norizaňey aň’arofo’areo ao; ie mivahatse naho
mioreňe am-pikokoaňe, [18] hampaharendreha’ areo naho o noro’e iabio, ty ampohe’e
naho ty halava’e naho ty halale’e vaho ty haabo’e, [19] hahafohina’ areo i fikokoa’ i
Norizaňey tsy takam-paharendrehaňey soa t’ie ho pèa’ ty haporean’ Aňahare.
[20] Aa. ho amy mahafonitse loho maro te amo ihalaliaňe naho itsakorean-tikaňeoy,
ie mitoloňe aman-tika i haozara’ey, [21] ama’e ty engeňe amy Fivoriy naho am’ IESOÀ
Norizaňey ao pak’ an-tariratse tsitso’e, nainai’e donia! Amena.

# 4

*Fitraofaň’ Ina amy Faňòva’ey*

[1] Aa le ihalaliako, zaho mpirohi’ i TALÈ, t’ie haňavelo maňeva i koike nikanjiaňe
anahareoy, [2] nainai’e mireke an-trentram-po naho mifampiheve am-pikokoaňe, [3] ie
ilozoha’ areo tambozotse ty fitraofan-kina’ i Arofoy, mifampipiteke am-pilongoaňe.
[4] Raike i faňòvay, naho raike i Arofoy—manahake t’ie kinoike ho amam-pitamàňe
raike te nikanjieňe: [5] TALÈ raike, fatokisaňe raike, filiporaňe raike, [6] naho
Andrianaňahare raike, Rae’ iabikey, lohà’ ze he’e*, kila aňama’e, vaho hene ama’e.
[7] F’ie songa nitoloreň’ arofo ami’ty nanokantsokaňa’ i Norizaňey falalàňe. [8] Zay ty
nipatera’e ty hoe:
Ie nionjoňe mb’aň’abo aňe,
kinozozò’e an-drohy i fandrohizaňey
vaho tinolo’e falalàňe ondatio.†
[9] Aa kanao nionjon-dre, ino i tsaraeňey naho tsy t’ie nizotso hey mb’ an-tsikeokeo’
ty tane toy ao? [10] I nizotsoy, le i nionjoňe andindi’ ze hene likeraňe, haňenefa’e
ze he’ey. [11] Natolo’e ho Firàheňe ty ila’e naho mpitoky ty ila’e naho venje ty
ila’e vaho mpiarake naho mpaňoke ty ila’e, [12] haňoke o noro’eo hitoloňe am-
pitoroňaňe, handranjy ty faňòva’ i Norizaňey [13] ampara’ t’ie hene maha-pitrao-
kina am-patokisaňe, haharendreke i Anan’ Aňaharey, hitombo ho aňoň’ay, amy
havaňonaňe nihenefa’ i Norizaňeiy; [14] ie amy zao tsy ho anak’ ajaja ka, havoamboa’
ty onja, naho hasiotsio’ ze fonga tiom-paňohaňe, ami’ty famaňahia’ ondaty kante
an-kalìtake naho kilily‡, [15] fe am-pitaroňaňe ty hatò am-pikokoaňe, ty hitomboan-
tika ami’ty halifora’e amy Loha’ey ao, toe i Norizaňey. [16] Ie ty andrafetaňe i
faňòvay iaby hifampikatoke, naho hifandreketa’ ze hene fange’e amy fifanozaňa’ey,
songa maňeneke i fitoroňa’ey, hampitomboa’e naho hampiraoraoa’e am-pikokoaňe
i faňòvay.

*Apoho i Hambo’ey*

† **3:9** Jao 1:3 ‡ **3:17** Gal 2:20 * **4:6** Mar 12:32,34, Ko I 8:6, Ti I 2:5, Mar 12:29-34 † **4:8** Sab 68:18 ‡ **4:14**
Efe 5:6; Ko II 10:5, 11:3-14, Gal 1:6-9, Ti II 3:1-8, 4:2-4, Pe II 2:2-22, Jod 1:10-19

17 Aa le hoe raho, eka afanto’ay naho i TALÈ, ama’areo te tsy hañavelo ami’ty fañaveloa’ o kilakila ondatio ka§, ami’ty hakoaham-pivetsevetse’ iareoo, 18 fa maieñe ty fahafohina’ iareo, tsy mpiami’ ty havelon’ Añahare ty amy habahimoañe an-tro’ iereo ao, ami’ty hagañ’ arofo’ iareo; 19 ie fa dridra an-troke, nijoroboñe an-kadraolo, hitoloñe ze fonga hameñarañe vaho fatiti-mena. 20 Tsy zay ty nioha’ areo amy Norizañey, 21 ie toe jinanji’ areo naho nandrèndreke ama’e, ty amy hatò am’ IESOÀ ao, 22 le o satan-kavelo’ areo taoloo, korendaho i haondaty hambo’e mihamomoke ty amo drao’e mamañahio, 23 le mivaoa am-pitsakorean-troke ao, 24 vaho atsetaho indaty nivaoeñey*, tsinene hambam-bintañe aman’ Añahare an-kavantañañe naho an-katò miavake.
25 Aa le apitsoho ty fandañirañe, songa mifanaontsia an-kahiti’e†, fa mpifampipiteke tika. 26 Miboseha fe ko mandilatse‡, asoao tsy ho tra ty motak’ andro ty haviñera’ areo§, 27 tsy mone hañomey lalañe i mpañìnjey. 28 Asoao tsy hampikametse ka i mpikizoy, fe hitromake am-pità’e amy ze mahasoa, hanaña’e ty hazòtso ami’ty mipay.

### *Ko Mampioje’ i Arofo Masiñey*

29 Ehe te tsy hakarem-palie’ areo ze entañe tsy vente’e fa ze hampiraorao o ila’eo ami’ty fañeva’e, hañasoa o mpijanjiñeo. 30 Ko ampanaheloe’ areo i Arofo Masin’ Añaharey, i namoli-fitomboke anahareo ho amy andro fijebañañeiy. 31 Apitsoho ama’ areo ty afero, ty fombo, ty haviñerañe, ty fihorentseñañe naho ty fanambaitambaiñañe vaho ty halo-tserehañe, 32 fe mifampiferenaiña naho mifampilendèña antroke vaho mifampihevea manahake ty nañahan’ Añahare anahareo amy Norizañey.

## 5

1 Aa le mitsikombea an’ Andrianañahare hoe anakisoke; 2 naho mañaveloa ampikokoañe, hambañe amy fikokoa’ IESOÀ antikañey, ie namoea’e aiñe ho enga naho soroñe mandrifondrifoñe aman’ Añahare.
3 Le asoao tsy ho toñoneñe ama’ areo ze atao fiolorañe tsy mañeva; naho ze haleorañe ndra fihañañe, amy t’ie tsy mañeva o noro’eo; 4 apoho ka ze timbo, naho hakanìfoke naho sole maràñe, fa fonga tsy mete; vaho mañandriàña. 5 Mahafohina an-katò te tsy aman-anjara amy fifehea’ i Norizañey naho aman’ Añahare ty mpiolotse ami’ty tsy evà’e naho ty mpanao haloloañe, vaho ty mihàñe (ie fiatoañe am-bara).
6 Ko mete fañahieñe an-tsaontsy kòake*; ie mikaike ty haviñeran’ Añahare amo anam-panjeharañeo. 7 Le ko ireketañe.
8 Ni-hamoromoroñañe† nahareo te taolo, fe hazavàñe amy TALÈ ao henaneo. Mañaveloa hoe anan-kazavàñe, 9 (Ty voka’ o Hazavàñeo‡ le ze hene hasoa naho havantañañe vaho hatò), 10 mamente ze mahafale’ i TALÈ. 11 Ko mitrao-baoñe amo satan-kaieñe tsy vokatseo, fa aboaho§ ambatraike, 12 toe manalatse, tsy talilieñe o anoe’ iereo añ’etakeo.

### *Mañaveloa mañeva Anan-Kazavañe*

13 Malange ze he’e aborake an-kazavàñe eo, naho toe mazava ze nampidodeañe; 14 zay ty nampisaontsie’e ty hoe:
Mivañona ry mirotseo*,
mitroara an-kavilasy,
hitsavavàha’ i Norizañey.

---

§ **4:17** Ko I 12:2, Iir 10:2 * **4:24** Rom 8:1 † **4:25** Zek 8:16 ‡ **4:26** Sab 4:4 § **4:26** Its 24:15 * **5:6** Efe 4:14 † **5:8** Efe 2:2, 4:18, Kol 3:7 ‡ **5:9** Fil 1:11 § **5:11** Jao 16:8 * **5:14** Ies 26:19

15 Itaò arè ty fañaveloa’ areo tsy hanahake o tsy aman-kilalao, fe tsikombeo o
mahihitseo, 16 rombaho o nifotoañañeo, fa raty o androo. 17 Aa le ko misare gege, fa
arendreho ze satri’ i TALÈ.

*Milifora amy Arofoy*

18 Ko manao jike an-divay ie minday haloloañe; fa mihalifora amy Arofoy,
19 mifampisaontsia an-jejo naho sabo, naho an-takasy miavake, bekò naho titihò
añ’arofo ao t’i TALÈ, 20 kila raha ro andriañeñe nainai’e aman’ Añahare Rae, amy
tahina’ i Talèntika IESOÀ Norizañeiy, 21 vaho mifampiambanea am-pañeveñañe† i
Norizañey.

*Rakemba: Miandalia ami’ty Vali’o*

22 O roakembao, miandalia amo vali’ areoo, hoe amy TALÈ. 23 Toe lohà’ i vali’ey ty
lahilahy, hambañe ami’ty maha lohà’ i Fivoriy i Norizañe mpandrombak’ i Fañòvaiy.
24 Aa le hambañe ami’ty fiambanea’ o Fivorio amy Norizañey, ty rakemba amy vali’ey
amy ze he’e.

*Lahilahy: Ikoko ty Vali’o*

25 O ry lahilahio, kokò ty vali’ areo, hambañe ami’ty nikokoa’ i Norizañey i Fivoriy
naho namoea’e aiñe, 26 ie navahe’e naho nikotriñe’e amy fampandroañe rano añamy
tsaray‡, 27 hampiatrefa’e ho Fivory lifots’ engeñe, tsy amam-pepo ndra komake ndra
loli’e hoe izay, f’ie hiavake tsy aman-kila. 28 Ehe mikokoa valy manahake ty vata’o ry
lahilahio; mikoko vatañe ty mikoko valy. 29 Toe tsy eo ty malaim-batañe, fa fahana’e
naho beize’e hambañe amy Norizañey o Fivorio, 30 amy t’ie mpitraok’ am-pañova’e
ao:
31 Zay ty isitaha’ ondaty aman-drae’e naho rene hipiteke ami’ty vali’e, vaho ho fañova
raike i roroey.§

32 Tafatoño jabajaba zay, fa i Norizañey naho i Fivoriy ro ivolañako. 33 F’ie, sindre
mikokoa tañanjomba manahake ty vata’e, vaho miasia valy ry rakembao.

# 6

*Ry Anake: Ko Manjehan-dRoae*

1 Ry ajajao, mivohora aman-droae’ areo amy TALÈ ao, fa zay ty hìti’e. 2 Miasia an-
drae’o naho rene’o—ty lily valoha’e minday fampitamañe, 3 soa te ho tahie’e naho
ho lava haveloñ’ amy Taney ao.* 4 O ry rae, ko bosehañe ty anake, fe beizo amy
fañohoañe naho famerea’ i TALÈ.

*Mpitoroñe*

5 O ry ondevoo, mivohora ami’ty mpifehe’ areo amy haondati’ey, le ihembaño
naho itititititiho an-tsò-po, manahake t’ie i Norizañey; 6 le ko mitoroñe am-pihainom-
bei-lomboke, fe hoe ondevo’ i Norizañey, mitoloñe añ’ arofo ze satrin’ Añahare†,
7 mitoroña am-pilozohañe hoe amy TALÈ fa tsy am’ondaty, 8 ie fohiñe te ndra iaia
manao soa, ro ho valè’ i TALÈ, ke t’ie ondevo, he midada. 9 Ry talèo! ano manahak’
izay iereo; apoho ty fañembàñañe. Tiahio te andindìñe ao t’i TALÈ’ iareo naho ty
azo, ie tsy mirihy.

*Aombeo o Fikalañeo*

10 Hengaha’e, mihaozara amy TALÈ naho ami’ty hafatrara’ i haozara’ey. 11 Aombeo
ty fikalañan’ Añahare fonitse, hatreatrè’areo ty famañahia’ i mpañìnjey; 12 amy
te tsy mifandrapake ami’ty nofotse naho lio tika, fa amo mpifelekeo, amo aman-
dilio, amo mpifeleke an-kamoromoroña’ ty voatse toio, vaho amo fañahin-karatiañe

† 5:21 Avo 20:20 ‡ 5:26 Ben 19:8-9 § 5:31 Fot 2:24 * 6:3 Avo 20:12, Its 5:16 † 6:6 Rom 6:16-23

añ'aboo. 13 Aa le rambeso ze hene fikalan' Añahare, hahafijohaña'o amy andro
ratiy, le ie fonga nanoeñe, mijadoña. 14 Mijohaña arè, ie fa nisadia ty hatò‡, naho
niombe ty fikalañan' arañan-kahitiañe§, 15 vaho nihana ty fihentseñañe i talili-soam-
pañanintsiñey*, 16 tovo'e, rambeso ty fikalandefom-patokisañe†, hampikipefañe o
ana-pale mibela' i Ratio, 17 endeso ka ty sabakam-pandrombahañe‡ naho ty fibara'
i Arofoy, toe i saontsin' Añaharey§, 18 vaho nainai'e mihalalia añ'arofo, an-doloke
naho halaly iaby. Mijilova am-pigahiñañe naho am-pihalaliañe heneke ho a o fonga
noro'eo. 19 Mihalalia ho ahy ka, t'ie ho tolorañe ty hahafitaroñe am-palie misokake,
hahavany hampandrendreke ty tafatoño' i talili-soay, 20 ie sorotà'e an-drohy; ihalalio
te hahasibeke fitaroñe ami'ty fañeva'e.

### *Figodañañe*

21 Aa, ty haharendreha'areo o fitoloñakoo naho ty amako, le i Tikiko, rahalahy
sarotse naho mpitoroñe migahi' i Talèy ro hampahafohiñe anahareo ze he'e. 22 Zay
ty nañitrifako aze mb'ama' areo añe, hitalilia'e anay naho hañoho o arofo' areoo.
23 Fañanintsiñe amo rolongoo, naho fikokoañe am-patokisañe boak' aman'
Añahare Rae naho Iesoà Talè Norizañey. 24 Hasoa amy ze hene mpikoko i Talèntika
Iesoà Norizañey an-koko tsy modo. Amena.

‡ **6:14** Ies 11:5 § **6:14** Ies 59:17 * **6:15** Ies 52:7 † **6:16** Sab 28:7 ‡ **6:17** Ies 59:17 § **6:17** Ies 11:4

# Filipy

1 I Paoly naho i Timoty, fetrek' oro' Iesoà Norizañey, amo hene noro'e am' Iesoà
Norizañey e Filipio, naho o mpiaolo vaho mpitoroñeo.
2 Hasoa ama' areo naho Fañanintsiñe boak' aman' Añahare Raentika naho Iesoà
Talè Norizañey.

*Fañandriañañe naho Filolofañe*

3 Andriañeñe t'i Andrianañahareko amy ze hene fitiahiako anahareo, 4 nainai'e
ihalaliako an-kaehake amo filolofako ho anahareo iabio, 5 amy fitraofan-tika amy
talili-soay boak' amy andro valoha'ey pake henaneo, 6 le atokisako te i namototse ty fi-
toloñan-tsoa ama' areoy ro hañeneke[*] aze ampara' ty andro' Iesoà Norizañey. 7 Toe
mañeva ahy te inahareo ro iereñereñako an-troke, ie itraofan-tika o fañasoañ' ahio
ke te an-tsilisily he am-pañarovako naho famenteako i talili-soaiy. 8 Valolombeloko
t'i Andrianañahare te hene itamàko ami'ty halèn' arofo' Iesoà Norizañeiy; 9 le
inao ty halaliko, te hitolom-piraorao an-kahilala naho fitsikarahañe ty fikokoa'
areo, 10 hahafijoboña'areo ty hasoa, hikotritriake tsy aman-tiñe ampara' ty andro'
i Norizañey 11 hiegoègo am-pamokaran-kavantañañe[†] añam' Iesoà Norizañey, ho
ami'ty engeñe naho fibangoañe an'Andrianañahare.

*Mampiraorao i Talili-soay ty Sotry*

12 Aa, teako ho fohi' areo ry longo, o raha nizò ahiko fe nañonjoñe ty fiboelea' i
talili-soaio, 13 ie nanitsike i anjombam-pifeheañey naho o ila'e iabio ty fahafohinañe
te i Norizañey ro maha an-drohy ahy, 14 le nosihe' o silisilikoo ty maro amo rolongo
mpiato amy Talèo nampitombo ty fahasibeha' iareo hitaroñe o tsaran' Añahareo tsy
an-kahembañañe.
15 Toe eo avao ty mitsey i Norizañey an-kirañe naho lietse; fe eo ka ty an-tsatry
soa; 16 iretoa an-koko, ie fohi'e te tinendre ho atoan-draho hañarovako i talili-soay,
17 ireroa ka mitaroñe an-kazavan-troke, mbore mikinia hañembets' ahy amo silisily
retoa. 18 Atao akore? Tsinoñe, fa amy ze hene sata, ke mieva he an-katò, kanao
taroñeñe i Norizañey le hafaleako; eka! toe hirebehako, 19 amy te apotako t'ie
hifotetse ho fañahàñe[‡] ahy o fihalalia' areoo naho ty famahàna' i Arofo' Iesoà
Norizañey, 20 ie ilozohako fitamàñe naho fisalalañe te tsy ho salatse ka, ie an-
tsibeke fonitse, fa liliko, le antsake henaneo, te honjoneko an-tsandriko i Norizañey
ke zaho veloñe he vilasy. 21 Aa naho amako, haveloñe i Norizañey vaho tombo'e
te hikenkañe. 22 Ie veloñe ro mbe hahavokatse te mitromake an-tsandriñe, aa le
mañalik' ahy ty hijoboñe! 23 Mampikitìtse ahiko: sinda te hiavotse mb'eo hindrezako
amy Norizañey, zay ty soa hatò; 24 fe mahasoa anahareo t'ie hitoboke an-tsandriñe
atoa. 25 Eka, iantofako, toe apotako t'ie hitoboke naho ho tambatse ama' areo iaby
atoa, hampibodobodoeko i fatokisañey hifalea' areo, 26 soa te hionjoñe ty fandrengea'
areo Iesoà Norizañey te itilihako indraike.
27 Ie amy zao: mañaveloa mañeva ty talili-soa' i Norizañey, ke t'ie hitilike, ke
tsy avy, le mbe hitsanoñako te mifahatse añ' arofo raike, mifanehake an-tokan-troke
am-patokisañe i talili-soay, 28 tsy hembañe ndra loli'e amo mandietseo, ie mamente
am'iareo ty fandrotsahañe, naho ama'areo ty famotsorañe—satan' Añahare zay,
29 toe natolotse ama'areo ho fañasoañe, ty amy Norizañey, te tsy vaho iatoañe fa

[*] **1:6** Fot 17:1, Its 18:13, Mp I 8:61, Sab 119:80, Mat 5:48 [†] **1:11** Mat 3:8-10, Rom 6:22, 14:17, Ko II 9:10, Efe 5:9,
Gal 5:22, Col 1:10, Heb 12:11, Jak 3:18 [‡] **1:19** Iob 13:16

isotriañe, 30 ie mihotakotake hambañe amy niisa’ areo amakoy, naho janjiñe’ areo
amako.

*Itsikombeo ty Hatren–tram-po’ i Norizañey*

# 2

1 Aa naho eo ty fañosihañe amy Norizañey, ke eo ty fañohòañe an-koko, ke eo
ty fitraofan-kina amy Arofoy, he eo ty halèm-po naho fiferenaiñañe, 2 le henefo’
ty haehako am-piharoan-drehake naho am-pikokoañe raike vaho mifampipiteha
arofo naho fivetsevetse. 3 Ko manao inoñe am-patitiañe naho firengeañe kòake,
fe mifampiasia an-trentram-po; 4 Ko sindre mañambeñe o azeo avao, fe ampiraoraò
ondatio. 5 Itsakoreo an-troke ao i tam’ IESOÀ Norizañeiy, te

6 Ie nihambam-bintañ’ aman’ Añahare,
tsy naereñere’e te hitavane
ty fihambañañe aman’ Añahare,
7 fe finao’e ty fañòva’e,
le nandrambe ty vinta' ondaty,
vaho nampihambañeñe ami'ty mpitoroñe.
8 Ie tendreke te hambam-bintañe ama’ ondaty, le nirè-batañe,
nivohotse an-kavilasy—
eka navetrake amy hatae ajaley!
9 Toly ndra nonjonen’ Añahare,
vaho tinolo’e ty tahinañe ambone’ ze kila añarañe,
10 soa te hitongaleke amy IESOÀ
ze kila ongotse
an-dikerañe añe
naho an-tane atoy
vaho ambane’ tane ao,
11 vaho hiantoke
te IESOÀ Norizañe ro TALÈ ze hene fameleke
handrenge an’Andrianañahare Rae.*

12 Ie amy zao, ry rañetseo, ie mivohotse nainai’e, tsy ami’ty fiatrefako avao, fa
àntsake henane te tsy eo, le mifanehafa ami’ty fandrombahañe anahareo, am-
pañeveñañe naho fineveneverañe†; 13 toe mitoloñe ama’ areo t’i Andrianañahare
hilozoha’areo toloñe amy ze satri’e soa. 14 Hene ano, tsy miñeoñeoñe tsy mandietse,
15 soa tsy hanan-kakeo, tsy hanan-tahiñe, fa ho anan’ Añahare tsy aman-kandra
añivo’ ty tariratse mengoke naho miola toy‡, mipelatse hoe failo ami’ty voatse toy,
16 mivontititse amy tsaran-kaveloñey, hampirebeke ahy an-tsa’ i Norizañey t’ie tsy
nilay tsi-vente’e vaho tsy nilesa te nifanehake. 17 Eka, ndra t’ie ampidoañeñe hoe
ènga-rano ami’ty fisoroñañe naho fitoloñañe amo fatokisa’ areoo, le mbe mifale
naho mitrao-pirebeke ama’ areo iaby. 18 Aa le mifalea ka vaho miharoa firebeke
amako.

*ty Amy Timoty*

19 Misalala am’ IESOÀ TALÈ ao raho, te hampihitrifeñe mb’ama’ areo mb’eo aniany
t’i Timoty, hampanitsiñe ahy t’ie mitsanoñe ty ama’areo. 20 Fa tsy amako ty
mañirinkiriñe aze ami’ty fahimbaña’e miatrake anahareo, 21 toe mipay ty aze avao i
maroy, fa tsy ty a’ IESOÀ Norizañey. 22 Fohi’ areo ty namentea’e vatañe, ie hoe anake
aman-drae’e te nitraoke amako amy fitoroñañe i talili-soaiy. 23 Aa le salalaeko ty
hañitrike aze aniany naho fa fantako ty amako. 24 Le iantofako amy TALÈ te homb’eo
aniany ka raho.

* **2:11** Ies 45:23 † **2:12** Sab 2:11 ‡ **2:15** Its 32:5

### *Ty Amy Epafrodito*

25 Toe sinafiriko ty hampihitrike i Epafrodito rahalahiko mb’ama’ areo mb’eo,
mpifanehake naho lahindefo mpiamako, ie toe ìra’ areo naho mpiatrak’ ahiko, 26 ie
nijagobo ty ama’areo, naho nalovilovy te jinanji’ areo ty amy fatindri’ey. 27 Toe
niheta’e re ho nivetrake, fe niferenaiñan’ Añahare, le tsy ie avao fa zaho, hera ho
nanahelo an-kontoke. 28 Aa le nihavoa raho te nampolieñe ama’areo, soa t’ie isa’ areo
indraike ro handia taroba, vaho hampanintsiñe ahy ka. 29 Aa le rambeso amy TALÈ
an-kaehake vaho onjono ondaty hoe zaio; 30 amy te ho nametrake aze i fitoloña’e amy
Norizañeiy, ie namoy-ay hañeneke i tsy nilefe’ areo amy fiatrahañe ahikoy.

# 3

### *Tsy Iatoañe o Nofotseo*

1 Figadoña’e, ry longo: mirebeha amy TALÈ! Tsy mahatsimboetse ahiko te isokirako
indraike, fa fañarovañe anahareo. 2 Itaò o amboao, itaò o mpanao ratio, itaò o
mpanao savatse tsieo. 3 Fa itikañe o savatseo, t’ie mitoloñe amy Arofon’ Añahare
naho mirenge am’ IESOÀ Norizañey, vaho tsy miato-nofotse— 4 ie ho nanam-piatoako
amy nofotsey. He eo ty mihevetse t’ie ro mpiato amy nofotsey, lombolombo’e raho:
5 sinavatse ami’ty andro faha-valo, foko’ Israele, tarira’ i Benjamina, Hebreo’ o
Hebreoo; Fariseo ty amy Hake; 6 nampisoañe o Fivorio an-joton-troke; tsy aman-
tahiñe ami’ty fañorihañe Hake. 7 Le ndra inoñ’ inoñe ty ho nitombo’e ho ahiko,
nadoko ho sira-an-tane ty amy Norizañey. 8 Tsy zay avao, fe ataoko ho fonga
tsy vente’e te ampanahafeñe ami’ty hajabahina’ ty faharendrehañe i Talèko IESOÀ
Norizañey, aa le hene nifarieko naho nanoeko forompotse, hahazoako i Norizañey
9 hahatendreke te ama’e, tsy t’ie nivañone’ ty fimanemaneañe Hake, fa ty figahiña’
i Norizañey, ty toe havantañan’ Añahare mioreñe am-patokisañe. 10 Eka, te ho
fohiko re naho ty faozara’ i fivañom-belo’ey naho ty fitraofan-kina amy fijalea’ey,
hihambañako amy havilasi’ey, 11 hahatakarako ty fitroarañe an-kavilasy.

### *Fimaneañe i Firefeañey*

12 Tsy t’ie nitàkako, toe tsy añon-draho, fe itoañako handrambe i nandrambesa’
IESOÀ Norizañey ahikoy. 13 O ry longo, tsy t’ie rinambeko. Fe, Amoeako ze amboho ao
naho ilozohako takatse o añeo 14 eka imaneako talifitse ty tambem-pikanjiañ’ abon’
Añahare am’ IESOÀ Norizañey. 15 Antao arè hiharo rehake, ze hene matoe aman-
tikañe, fa naho hafa ty ereñeren-tro’areo, mbe hampalangesen’ Añahare avao. 16 Fe
soa t’ie hañavelo mañeva o fa nitakàren-tikañeo.
17 O ry longo, mitraofa ami’ty fañorihañ’ ahy, naho rendreho o mpañavelo am-
pitsikombeañe anay. 18 Fe maro—ie beteke nitalilieko naho mbe taroñeko an-tañy
henaneo—ty mañavelo hoe rafelahi’ i hatae ajale’ i Norizañeiy. 19 Ie hijoroboñe
an-karotsahañe ao, ty fisafoa’e ro ndrañahare’e naho ty hameñara’e ro fisengea’e.
Mifahatse an-draha an-tane atoy o vetsevetse’ iareoo. 20 Boriza’ ty andindìñe añe tika,
añe ty itamañe mpandrombake, toe IESOÀ TALÈ Norizañey, 21 ie ty hañova o sandrin-
tikañe mirèkeo, hampihambaña’e amy fañòva’e aman’ engeñey amy haozara’e
hampiambane ze he’e ama’ey.

# 4

### *Fifampilongoañe*

1 Ie amy zay, ry longo-sarotse tamaekoo! ty haehako naho sabakan-drengeko,
mijohaña amy TALÈ, ry rañeko. 2 Mihalaly amy Eodiae raho naho mihalaly amy
Sintikee t’ie hiharo-rehake amy TALÈ. 3 Eka, ry longo-sarotse, ehe imbao i nindre

nifanehake amako amy talili-soay rey, naho i Klementa, naho o mpitrao-toroñe amako
ila'eo, ie fa misokitse am-boken-kaveloñe ao o tahina'eo.

### *Fierañerañañe amy TALÈ*

4 Mirebeha nainai'e amy TALÈ. Indraeko ty hoe: mañonjona kobaiñe!
5 Ee te ho rendre' ze kila ondaty ty hatsò-tro'areo. Fa marine t'i TALÈ.
6 Ko emberen' inoñ' inoñe fe amy ze he'e, am-pilolofañe naho halaly mitraofa
fañandriañañe, le ampahafohino an' Andrianañahare o fisalalà' areoo, 7 le ty
fañanintsin' Añahare milikoatse ze hene fohiñe abey ro hañambeñe o arofo naho
fitsakorea' areoo am' IESOÀ Norizañey.
8 Honka'e ry longo, ze atao hatò, ze hene havañonañe, ze mahity, ze hiringiri'e, ze
fanjàka, vaho ze soa talily; naho eo ty talango'e, naho eo ty mañeva renge—imoneño.
9 Le anò o nirendreke naho rinambe naho jinanjy vaho nioni' areo amakoo, aa lonike
te ho ama' areo t'i Andrianañaharen-kanintsiñe.

### *Hazavan'Arofo ndra te Aia aia*

10 Akore ty firebehako amy TALÈ kanao nivaòeñe indraike ty fiatraha' areo ahy
henaneo, toe fa ela, ie ho nanoe' areo avao, fe tsy nahatafetetse heike. 11 Tsy te
mipay t'ie nitaroñeñe, fe nioke tsy hieren-draho ndra inoñe ty mizo; 12 Mahazats'
ahy te poie'e, haiko t'ie anjañe. Aa ndra aia' aia, naho aman' inoñ' inoñe le fa
niòke, ke te vontsy he saliko, ke mpañarivo he rarake, 13 ho tafetereko ze he'e añamy
Mpampaozatse* ahikoy.
14 Fe, soa i nanoe' areoy, t'ie nitraoke amy faloviloviakoy, 15 le fohi' areo ka, ry
nte-Filipio, t'ie niakatse i Makedonia añe naho namototse nitaroñe i talili-soaiy, le
tsy eo ty Fivory namahañ' ahy ndra an-tolotse ndra rambe, naho tsy inahareo avao.
16 Eka ie te Tesalonika añe, tsy indraike avao ty nañitrifa' areo o nipaiakoo. 17 Tsy t'ie
mipay falalàñe, fa i vokatse haroroñe amy rake' areoiy. 18 Le hene rinambeko ami'ty
hapea'e, toe nahaeneñe vaho nahaàtseke, toe rinambeko amy Epafrodito o nahitri'
areoo; hàñin-kanintsiñe†, soroñe mañeva naho sitran' Añahare. 19 Aa le hatsafen'
Añahareko abey ze hene paiae' areo amy vara'e lifots' engeñe am' IESOÀ Norizañeiy.

### *Figadoñañe*

20 Aa ie henaneo, aman' Añahare Raentika ty engeñe nainai'e donia, Amena.
21 Añontaneo ze hene noro'e am' Iesoà Norizañey. Mañontane anahareo o rolongo
amako atoio. 22 Salamae' o noro'e iabio, àntsake o añ'anjomba' i Kaisarao. 23 Ho
ami'ty arofo' areo abey ty hasoa' Iesoà Talè Norizañey.

* **4:13** Jao 15:5, Ko II 3:5-6, 12:9, Efe 3:10, Fil 2:13, Heb 13:20-21, Jn I 4:4 † **4:18** Avo 29:18; Ko II 2:14-15, Efe 5:2

# Kolosia

1 I Paoly, Firàhe’ IESOÀ Norizañey ty amy satrin’ Añaharey, naho i Timoty
rahalahintika, 2 Ho a o noro’e naho longo migahiñe amy Norizañey e Kolosia añeo:
Hasoa naho Fañanintsiñe ama’areo boak’aman’Añahare Raentikañe.

### *Fañandriañañe naho Filolofañe*

3 Mañandriañe an’ Andriananañahare Rae’ i Talèntika IESOÀ Norizañey zahay amo
halali’ay ho anahareo nainai’eo, 4 fa tsinano’ay ty fatokisa’ areo IESOÀ Norizañeiy
naho ty fikokoa’ areo ondaty noro’e iabio— 5 ty fitamàñe nahaja andindìñe añe
ho anahareo, i jinanji’ areo ami’ty tsaran-katò’ i talili-soaiy, 6 i fa nitotsake ama’
areoy; manahake ty anoe’e ndra aia aia ami’ty voatse toy, ie mitolom-pamokatse vaho
miraorao, hambañe amy nanoe’e ama’areo boak’ amy andro nijanjiña’ areo naho
nahafohiñe ty hasoan’ Añahare an-katò, 7 manahake i jinanji’ areo ty ama’ay amy
Epafra, mpitrao-pitoroñe noro’ay naho mpitoroñe migahi’ i Norizañey; 8 ie nitalily
ama’ay ty fikokoa’ areo amy Arofoy.
9 Ie amy zao, boak’ amy andro nitsanoña’ay, le tsy ado’ay ty mihololoke ho anahareo,
mihalaly te ho liforeñe am-paharendrehañe o satri’eo amy ze hihitse naho hilala
atolo’ i Arofo iaby; 10 hañaveloa’ areo mañeva i TALÈ, hañasìtra aze amy ze
hene sata, hamokatse amy ze fitoloñan-tsoa, vaho hitombo ami’ty faharendrehañe
an’Andriananañahare; 11 ie nampaozareñe an-kaàmpon-kafatrarañe amy haozara’e
rengèñey ho am-pigahiñañe heneke vaho fifeahañe an-kaehake, 12 ro mañandriañ’
an-dRae nampañeva antika hitraoke ami’ty lova’ o noro’eo an-kazavàñe ao, 13 ie
hinaha’e ami’ty fèhe’ i ieñey* naho nasese’e mb’am-pifehea’ i Anake kokoa’ey;
14 ama’e ty fijebañañe antika amy lio’ey, ty fañahàn-kakeo.

### *Andikèrañe Añe i Norizañey*

15 Ie ty vintan’ Añahare tsy ìsake, ty tañoloñolòña’ ze hene namboareñe†, 16 ie ty
namboarañe ze hene andindìñe añe naho an-tane atoy, o isakeo naho o tsy isakeo
naho ze kobaiñe naho fifelehañe naho lohàñe vaho fandiliañe; ie naho ho aze ty
namboarañe ie iaby rezay‡. 17 Ie ty taolo’ ze hene raha§; ama’e ty ifampireketa’
ze he’e. 18 Ie ty añambone’ i fañòvay, i Fivoriy; ty fifotorañe, ty tañoloñolòña’ o
fitroarañe amy havilasiio, soa t’ie ty ho lohà’ ze he’e. 19 Fa satrin-dRae te ama’e ty
himoneña’ ty haliforañe, 20 le ie ty fijebañañe ze he’e ho ama’e; o raha an-tane atoio
naho o raha andindìñe añeo, nifampilongoe’e amy lio’e amy hatae ajaleiy.
21 Inahareo nialiheñe taolo, nihelofeñe am-pivetsevetse, nitolon-tsata raty, le
nifampilongoe’e henaneo, 22 amy fañòva’e nofotsey añamy havilasiy, hanolora’e
anahareo fiavahañe, tsy aman-tahiñe tsy aman-kandra añatrefa’e, 23 ie toe mitoloñ’
am-patokisañe soa fioreñe naho mijadoñe tsy mivike amy fampitamàñe i talili-soa
jinanji’ areo naho nitaroñeñe amy ze he’e ambane likerañe atoiy, i nampitoroñ’ ahiy,
zaho Paoly.

### *Ty Fifanehafa’ i Paoly amo Fivorio*

24 Aa le inahareo ro firebehako amo faloviloviako henaneo, ie imaneako heneke
ami’ty nofoko ty amy fañòva’eiy—i Fivoriy—ze tsy niheneke amy filofeha’ i
Norizañey. 25 Ie ty nampitoroñe ahy amy nampamandroñen’ Añahare hañasoako
anahareoy, hañeneke i tsaran’ Añaharey, 26 i tafatoño naetake amo saao naho amo

* **1:13** Lke 11:35, Jao 8:12, 12:46-50, Top 26:18, Efe 5:8 † **1:15** Heb 2:6, Ben 3:14 ‡ **1:16** Jao 1:3 § **1:17** Rzs 9:22-31

tariratseoy, fe naboak' amo noro'eo henane zao, 27 hampahafohinan' Añahare ty
hasarom-bolonahe' i tafatoñoy amo kilakila ondatio: te ama'areo ao i Norizañey, i
fitamàn' engeñey. 28 Ie ty talily risihe'ay ze hene ondaty naho añoha'ay an-kihitse
pea, hitolora'ay fonitse amy Norizañey. 29 Ie ty toloñeko, milozoke ami'ty faozara'e
mitromake fatratse amako atoañe.

# 2

1 Teako ho fohi'areo ty fimaneako ho anaharo naho o e Laodikia añeo vaho
o mbe tsy nifañatre-daharañ' amako iabio, 2 hañohòako ty arofo' iareo, ie fa
nampivandìreñe am-pikokoañe, amy hene vara vokare' ty faharendrehañe pea, ie
fohiñe mazava, i hatò mietake aman' Añahare Rae aoy, i Norizañey; 3 ama'e ty
ietaha' ze fonga varan-kihitse naho hilala*. 4 Itaroñako 'nio, hera ao ty hamañahy
am-bolam-pañèdre. 5 Aa ndra te tsy eo an-tsandrin-draho, mbe ama' areo an-troke,
mirebeke te mahatrea ty fitraofa' areo rehake naho ty fatokisa' areo i Norizañey.

### *Hamotsorañe mban-kavelo' i Norizañey*

6 Aa kanao rinambe' areo i Talè Iesoà Norizañey, mañaveloa ama'e, 7 ie soa
fivahatse naho nivoatse ama'e, naho niventèñe am-patokisañe ty amy naòke, vaho
mandopatse fañandriañañe.

8 Mitaoa ke eo ty hañamengoke anahareo an-kilala miheotse naho famañahiañe
kòake mirampy amo lili' ondatio naho amo sata' foto-ty tane toio†, fa tsy amy
Norizañey. 9 Ama'e ty imoneña' ty haliforan' Añahare am-pañòva, 10 le nifonireñe
ama'e nahareo, amy t'ie ty lohà' ze hene fifeheañe naho lily.

11 Ama'e ka nahareo ro sinavatse an-tsavatse tsy nanoem-pitàñe fa nampikorenda-
hañe ty fandilia' i haondaty hambo'ey amy sandriñey ami'ty fanavara' i Norizañey,
12 ie nalenteke mindre ama'e amy lipotsey naho nindre natroatse ama'e am-
patokisañe ami'ty fitoloñan' Añahare nampitroats' aze an-kavilasiy. 13 Ie nivetrake
an-kakeo naho ami'ty tsy fanavara' i nofotsey ro vinelo'e mindre ama'e, le fonga
nafaha'e o tahin-tikañeo, 14 ie namaopaoke i takelan-tsongoy, o fepetse‡ nanisý
antikañe naho nañamengoke antikañeo; nasita'e añe zay, amy nipehañ' aze amy
hatae ajaley, 15 ie nampikorendahe'e ty lili' o mpifeleke naho o mpañadilio, vaho
nampiborahe'e ho fisambàñe am-batraike eo, ie fa rineba'e amy hatae ajaley.

16 Asoao arè tsy iaia ty hapo' areo hanìñe ty fikamañe ndra finomañe, naho
o andro nifotoañañeo naho o jiri-bolañeo vaho o Sabatao§ 17 (toe fanalinjoa' o
raha ho avio irezay) —fa ty Fañova' i Norizañey*. 18 Asoao tsy hikatramoeñe ty
tambe' areo, ie sigiheñe hirè-batañe naho hitalaho amo anjelio; ie mitsibelezeñe amo
raha nitrea'eo, naho mirengevoke am-pivetsevetsen-kaondaty hambo'e, 19 naho tsy
mitambozòtse amy Añamboney, i Mpamahañe i Fañòvay iabiy vaho mampirekets'
aze amo fange'eo naho amo lahin' ozatseo, hitomboa'e ami'ty fampibodobodoan'
Añahare.
20 Ie nindre nivilasy amy Norizañey amo sata' foto†' ty tane toio, akore te mbe
manao hoe veloñe ami'ty voatse toy, mañorike o fañè'e manao ty hoe: 21 Ko
mandrambe! ko mitsopeke! ko mitsapa. 22 Ie ho fonga modo am-pitoloñañe, amy
te mifototse ami'ty lily naho fañòha' ondaty‡. 23 Ie toe misare hilala am-pitalahoañe
an-tsatrin-troke naho am-pirehañe vande naho fampalovilovian-tsandriñe; f'ie tsy
vente'e, naho tsy mahasebañe ty hadrao' o nofotseo.

---

* **2:3** Ies 11:2, Kol 2:9 † **2:8** Kol 1:20, Gal 4:3,9 ‡ **2:14** Kol 2:20, Efe 2: § **2:16** Iek 45:17 * **2:17** Mat 18:15-20; Kol 1:18,24 † **2:20** Kol 2:14; Efe 2:15; Kol 2:8, Gal 4:3,9 ‡ **2:22** Ies 29:13; Mat 15:8-9, Mar 7:6-7

# 3

*O Fañè ami'ty Haveloñe vaoo*

1 Aa naho nindre nitroatse amy Norizañey nahareo, imaneo pay o raha amboneo,
amy iambesara' i Norizañey am-pitàn-kavanan' Añaharey*. 2 Tsakoreo o an-
dikerañeo, fa tsy o an-tane atoio. 3 Nivilasy nahareoo, le fa nahaja amy Norizañey
aman' Añahare ao ty fiai' areo, 4 vaho ho tendreke amy Norizañey añ'engeñe ao i
havelon-tikañey amy fiboaha'ey.
5 Vonò arè o fangen-kaondati' ty tane toy ama'oo; ze hakarapiloañe, haleorañe,
filomolorañe, fitsikirihan-draty, vaho fihàññe—ie fiatoañe am-pahasive; 6 irezay ty
hifetsaha' ty fifombon' Añahare amo anam-panjeharañeo†. 7 Ie nañaveloa'areo te
mbe niveloñe ama'e, 8 fe apitsoho añe henaneo, fonga tsy aboak' am-palie' areo ty
heloke, ty fifombo, ty inje, ty teratera, naho ty reha-timbo. 9 Ko mifandañitse, fa
naitoa' areo i haondaty hambo'ey‡ rekets' o sata'eo, 10 le fa natseta' areo t'indaty
vao, ze mihavao erike am-paharendrehañe mihafonitse, mihahambam-bintañe amy
Namboats' azey. 11 Tsy te Grika ndra Jiosy, sinavatse ndra tsy sinavatse, ambahiny
ndra sadiavahe, ondevo ndra midada, fe halifora'e i Norizañey, ie ama'e iaby.
12 Aa kanao jinobon' Añahare nahareo, miavake naho kokoañe, sikino ty arofo
miferenaiñe, matarike, mirèke, trentrañe, naho mahaliñe, 13 mifampivavea naho
mifampihevea, ie eo ty aman-kabò ama' ia'ia, le mifampihevea hambañe amy
nañahà' i Talè anahareoy. 14 Lombolombo' irezay ty fikokoañe, ie mamahotse am-
pitraofan-kina fonitse. 15 Ehe ho fehè' ty fañanintsi' i Norizañey o arofo' areoo fa zay
ty nikanjiañe anahareo ho fañòva raike: vaho mañandriaña.
16 O tsara' i Norizañeio§ abey ty himoneñe ama' areo ao ami'ty halifora'e;
mifañòha naho mifanoroa añ'ampon-kihitse; misaboa sabo, naho beko naho takasy
miavake, mañandriañ' an' Andrianañahare añ'arofo. 17 Aa le ndra inoñ'inoñe anoe'
areo, ke an-tsaontsy he sata, le ami'ty tahina' i Talè Iesoà, vaho mañandriañ' an'
Andrianañahare Rae añama'e.

*Fañè amo Savereñañeo*

18 Ry roakembao, miandalia amo vali' areoo, ami'ty eva'e amy Talè. 19 Ry lahilahio,
kokò o vali' areoo fa tsy itorifihañe.
20 Ry ajajao, mivohora aman-droae amy ze he'e, fa zay ty no' i Talè. 21 Ry aba,
ko mañìnje anake, hera hahamòhake aze. 22 Ry mpitoroñeo, mivohora amy ze he'e
amo tompo' areo amo haondati'eo, tsy t'ie misamba hipaia'o tsiriry, fa an-tso-tro
mañeveñe amy Talè, 23 aa ndra inoñe o tolon-draha'oo, ihembaño, hoe mpitoro' i
Talè fa tsy ondaty, 24 le fohino t'ie ho tambeze' i Talè amy lovay, amy te Iesoà Talè
ro toroñe' areo. 25 Ho valeañe ty amo sata-rati'eo ka o lo-tserekeo fa tsy irihiañe.

# 4

1 O rotompoo, anò an-katò naho hamiràñe o mpitoro' areoo fohiñe te aman-Talé
andindiñe ao ka nahareo.

*Tovo'e fa tsy Liva'e*

2 Mitoloña an-kalaly, mijilova ama'e, le mañandriaña; 3 naho mihalalia ho anay,
hisokafan' Añahare lalañe i tsaray, hitaroña'ay i mietake amy Norizañeiy, ze maha
am-bahorañ' ahiko; 4 t'ie halange, hahafitaroñako ami'ty evà'e.
5 Mañaveloa an-kihitse amo alafeo, rombaho ty andro. 6 Ampanintsiño nainai'e ty
saontsi' areo vaho hafirio an-tsira, hahafohina' areo ty hanoiñe ze ondaty.

*Fisalamañe Fara'e*

* **3:1** Sab 110:1 † **3:6** Efe 2:2, 5:6 ‡ **3:9** Rom 6:6, Efe 4:22 § **3:16** Jao 12:48, Its 18:19, Ben 19:13

7 Aa naho ty amako, le hitalilia’ i Tikiko, rahalahy kokoañe naho mpitoroñe
migahiñe vaho mpitrao-pitoroñe amy TALÈ. 8 Ie ty nahitriko, hitalily anay ama’areo
vaho hañohò ty arofo’ areo. 9 Hindre ama’e ty Onesimosy, rahalahy migahiñe naho
kokoañe, toe mpiama’ areo. Ho talilie’ iareo ze he’e atoy.
10 Salamae’ i Aristarko mpitrao-silisily amako, naho i Marka, longo’ i Barnabasy (toe
nahazoa’ areo lily, rambeso t’ie pok’ ao), 11 naho Iesose atao ty hoe Josto. Iereo avao
ty boak’ amy savatsey amo mpifanehake amako ho amy Fifehean’ Añahareio naho
toe mpañosik’ ahiko. 12 Salamae’ i Epafra, i boak’ ama’ areoy, i toe mpitoro’ IESOÀ
Norizañey naho mahimbañe nainai’e an-kalaly ho anahareo, hijadoña’ areo, fonitse*
am-patokisañe heneke amo hene satrin’ Añahareo. 13 Le itaroñako t’ie mahimbañe
ho anahareo naho ho a i Laodikia vaho i Hierapolia. 14 Salamae’ i Lioke mpanaha
ìsoke naho i Demasy.
15 Salamao o roahalahy e Laodikia añeo naho i Nimfae naho i Fivory añ’
anjomba’ey. 16 Ie vinaky ama’ areo ty taratasy toy, le ampamakio ty Fivory e Laodikia
añe ka vaho vakio’ areo i amy Laodikiay. 17 Le saontsio amy Arkipo ty hoe: Ehe
tomiro i fitoloñañe rinambe’o amy TALÈy hañenek’ aze.
18 Aman-tañako ty añontaneako, Izaho, Paoly. Tiahio o rohikoo. Fañanintsiñe
ama’areo.

* **4:12** Sor 22:21, Its 18:13, Sab 119:80

# Tesalonika I

1 I Paoly naho i Silasy vaho i Timoty, Ho ami'ty Fivori' o nte-Tesalonika aman'
Añahare Rae naho i Talè Iesoà Norizañeio: Fierañerañañe naho Fañanintsiñe
2 Andriañe'ay nainai'e t'Andrianañahare ty ama' areo iaby, manoñoñe anahareo
amo halali'aio; 3 le tiahi'ay lomoñandro ty fitoloña' areo am-patokisañe naho
ty fitromaha' areo aman-koko naho ty figahiña' areo mitamà i Talèntika Iesoà
Norizañey añatrefan' Añahare Raen-tika. 4 Fohi'ay ry roahalahy kokoan' Añahareo,
te jinobo'e, 5 fa tsy nitotsake ama' areo an-tsara avao i talili-soa'aiy; fa aman-kaozara'
i Arofo Masiñey vaho am-pireketan-tro añoñe. Fohi' areo ka ty fañaveloa'ay ama'
areo. 6 Toe nitsikombe anay naho i Talè nahareo; fa ndra te nanjoan-kaloviloviañe,
le rinambe' areo an-kafalea' i Arofo Masiñey i tsaray. 7 Aa le nitsikombea' ze hene
mpiato e Makedonia naho Akaia añe. 8 Le tsy e Makedonia naho e Akaia añe avao ty
nampiboelea' areo ty saontsi' i Talè, fa toe nikatsakatsake an-toets' aia' aia o fatokisa'
areo an' Andrianañahareo vaho tsy anovoña'ay rehake, 9 fa italilia' iareo ty hasoam-
pampihovà' areo anay, ie nitolik' aman' Añahare naho niamboho ami'ty fahasive,
mitoroñe an' Andrianañahare veloñe naho to, 10 vaho mandiñe i Ana'e andindìñey,
i natroa'e an-kavilasiy—Iesoà mpañaha antika amy haviñerañe ho aviy*.

# 2

*Ty Fitoroña' i Paoly e Tesalonika*

1 Inahareo, ry longo, ro toe mahafohiñe te tsy nianto i fitiliha'aiy. 2 Rendre' areo
ka t'ie nalovilovy naho nonjireñe e Filipy añe; fe nirearea aman' Añaharen-tika
nitaroñe i talili-soan' Añaharey ama'areo ndra te niindra' i fanjeharañey. 3 Toe
tsy mifototse am-pandilarañe ndra haleorañe ndra famañahiañe ty fañosiha'ay;
4 fe ninòn' Añahare ty fanolorañ' anay i talili-soay; aa ie taroñe'ay le tsy t'ie
hahaehake ondaty fa ho an' Andrianañahare mpitsoke o tro'aio. 5 Fa fohi' areo
te le-lia tsy nanao kabeake an-drehake naho tsy nibatrake hanakona'ay fatitiañe
(valolombeloñe t'i Andrianañahare), 6 mbore tsy nipay lomboke am'ondatio, ndra
ama' areo ndra amo ila'eo. Toe mete ho nañeva anay, kanao Firàhe' i Norizañey
ty nampivave anahareo, 7 te mone notroñe'ay hoe rakemba mampinono naho
manombosombo i ana'ey. 8 Akore ty fikokoa'ay anahareo kanao nahaehake anay te
tsy vaho handiva i talili-soan' Añaharey fa hamoe-ay ami'ty fañisoha'ay. 9 Mete tiahi'
areo ry longo ty fitromaha'ay naho ty fifanehafa'ay; ie nitoloñe handro an-kaleñe
tsy hiloetse ama' ia'ia, nitaroñe i talili-soan' Añaharey. 10 Valolombeloñe nahareo
naho i Andrianañahare te niavake naho vañoñe vaho nalio-tahiñe ty fañaveloa'ay
ama'areo mpiato. 11 Fohi' areo ka t'ie nañosike naho nañohò vaho nandrisike
anahareo kiraikiraike hambañe ami'ty rae amo ana'eo, 12 hañaveloa' areo hañeva
an' Andrianañahare mpikanjy anahareo ho am-pifehea'e naho añ'enge'e ao.
13 Ie amy zao, tsy apo'ay ty mañandriañe an' Andrianañahare nainai'e, amy te
rinambe' areo i tsaran' Añahare nitaroña'aiy le tsy nandrambe aze ho tsara' ondaty,
fa ami'ty vente'e t'ie tsaran' Añahare mpifanehake ama'areo mpiato*. 14 Vaho
nitsikombe' areo ry longo, o Fivorin' Añahare am' Iesoà Norizañey e Iehodào,
ie nifeake fampisoàñañe am-pità' o mpitrao-borizàñe ama'eo toe o Tehodao, 15 ie
songa vinono' iareo t'Iesoà Talè naho o mpitokio, naho nandroake anay ka; ie tsy
non' Añahare vaho fonga mifandiets' ama'ondaty, 16 ami'ty fisebaña' iareo anay tsy

* 1:10 Ben 3:10, Ies 26:20 * 2:13 Heb 13:21

hitaroñe amo kilakila ondatio handrombake iareo, ie manovon-kakeo nainai'e, fa ho takaren-kaviñerañe am-para'e.

### *Sinebaseba' i mpañinjey t'i Paoly*

17 Fe zahay, ry longo, naho fa nasitake ama' areo hey, an-tsandriñe fa tsy añ' arofo,
le àntsake t'ie nirototse naho nisalala fatratse te hahaoniñe o lahara' areoo, 18 fa sinda
homb' ama' areo mb'eo; izaho Paoly mandikoatse te indraike, fe sineba' i mpañìnjey.
19 Ia ty ho fitamà'ay, ty haèha'ay, ty kobay hiriñariñà'ay añatrefa' Iesoà Talèntika amy
fitotsaha'ey? tsy inahareo hao? 20 Eka, inahareo ro enge'ay naho haeha'ay.

## 3

### *Nañitrike i Timoty*

1 Aa ie tsy nahafifeake ka zahay, le nilahatse te hadoñe am-bangiñe Atena añe
zahay, 2 vaho nahitri'ay mb'ama' areo mb'eo t'i Timoty, rahalahintika naho mpitoron'
Añahare amy talili-soa' i Norizañeiy, hamente naho hañosike anahareo amy fatokisa'
areo, 3 soa tsy ama'areo ty hembere' o faloviloviañe zao; fe fohi' areo te zay
ty nanendreañ' antika. 4 Ie mbe tama' areo ao le nitaroña'ay te fa antitotse ty
hampisarerahañe an-tikañe; ie o oni' areo te zoeñeo. 5 Ie amy zay, tsy nahafeake
ka raho, le nahitriko ty handrendreke ty fatokisa' areo, hera nazi' i mpañìnjey, vaho
ho nilesa i fitoloña'aiy.

### *Nahaosike ty Taro' i Timoty*

6 Fa ie pok' eo hirik' ama' areo t'i Timoty, le nitalilie'e soa o fatokisa' areo
naho i fikokoañey, vaho t'ie nainai'e mitiahy anahareo an-kasoa, mañiry hahaisake
anay hambañe ami'ty fisalala'ay hahatrea anahareo. 7 ie amy zao ry longo, amo
faloviloviañe naho fanilofañe anaio fe nampanintsiñ' anay ty fatokisa' areo. 8 Velon-
jahay henaneo, amy t'ie mijohañe amy Talè ao. 9 Akore ty fañandriaña'ay an'
Andrianañahare hamale ty hafaleañe hirebeha'ay anahareo añatrefan' Añaharen-
tika, 10 aa le mitolon-kalaly handro an-kalen-jahay hahaisake ty lahara' areo,
hañeneke ze tsy eneñe ami'ty fatokisa' areo.

### *Salalaeñe*

11 I Andrianañahare Raentika vaho i Talèntika Iesoà abey ro hañavantañe ty lala'ay
mb'ama' areo añe; 12 naho hampitomboe' i Talè nahareo naho o ila'e iabio hiraorao
an-koko, hambañe ami'ty anay ho anahareo, 13 hampijadoñe o arofo' areoo tsy aman-
tahy, miavake, añatrefan' Añahare naho Raentikañe ami'ty fitotsaha' i Talèntika
Iesoà rekets' o hene noro'eo.

## 4

### *Veloñe Hañasitra an' Andrianañahare*

1 Ie amy zao ry longo, ihalalia'ay, naho risihe'ay amy Talè Iesoà, ty hitomboa'
areo nainai'e amo fañaveloañe nañoha'aio, naho hañasìtra an' Andrianañahare;
2 fa fohi' areo o fanoroañe natolo'ay anahareo añam' Iesoà Talèo. 3 Inao ty satrin'
Añahare: t'ie hiavake, hisitak' ami'ty fiolorañe tsy mañeva; 4 ie songa mahay milie-
batañe ho ami'ty fiavahañe naho asiñe, 5 tsy hilomoloañe an-kadrao manahake
o kilakila' ondaty tsy mahafohiñe an' Andrianañahareo; 6 sindre tsy handilatse
naho hañaramamo an-drahalahi'e; fa i Talè ro mpamale i hene rezay, hambañe
amy nimanea'ay hatahata ama' areoy. 7 Toe tsy nikanjy an-tika ho an-kaleorañe t'i
Andrianañahare fa ho am-piavahañe. 8 Aa ze tsy mipaoke, le tsy t'ie mifary ondaty,
fa an' Andrianañahare nanolots' anahareo i Arofo Masiñey.

[9] Aa ty amy fifampirañetañe longo, tsy ipaia’ areo sokireñe, ie hohoen’ Añahare
hifampikoko; [10] naho toe anoe’ areo amo hene longo e Makedoniao. Fe osihe’ay
ry longo te hitolom-pitomambao, [11] hinozoha’areo fañavelo am-pianjiñañe, songa
manao ty tolon-draha’e naho mitoloñe am-pità’e amy nitoroa’aiy, [12] hañavelo an-
kavantañañe amo alafe’eo naho tsy hipay inoñ’inoñe.

*Ty Fitotsaha’ i TALÈ*

[13] Aa tsy teako ho bahimo nahareo, ry longo, ty amo miròtseo, hera hihontoke
manahake o ila’e tsy aman-ko tamàeñeo. [14] Aa kanao atokisantika te nivilasy t’IESOÀ
vaho nitroatse, le izay ty hindesen’ Añahare mindre ama’e ze mirotse am’ IESOÀ ao.
[15] Aa hoe ty fivola’ay ama’ areo ty amy tsara’ i Talèy, te tsy hiaolo o mirotseo tika
mbe mañente ami’ty fitotsaha’ i TALÈ, [16] fa i TALÈ vata’e ro hizotso hirik’ andindìñe
ey an-koike, am-piarañanañan-talèn’ anjely, naho amy antsivan’ Añaharey*; naho
hitroatse hey ze nivetrake amy Norizañey ao, [17] vaho ho rambeseñe mb’amo rahoñeo
mb’eo tika mbe veloñe hifanampe am’iereo an-drahoñe ey, hifanalaka amy TALÈ amy
tiokey. Le ho nainai’e amy TALÈ ao tikañe. [18] Aa le mifañohòa amy tsara zay.

# 5

*Ty Andro’i TALÈ*

[1] Aa ty amo androo naho o sa-ao, ry longo, tsy paia’ areo ho sokireñe. [2] Fa
toe fohi’ areo t’ie ho tondroke manahake ty mpamaoke haleñe ty andro’ i TALÈ.
[3] Ie manao ty hoe, Fierañerañañe naho Fañanintsiñe! te mone hiambotrahan-
karotsahañe, manahake ty fitsongoan-drakemba mivesatse, ie tsy hahabolititse. [4] Fe
tsy añ’ieñe ao nahareo ry longo, hivovoa’ i andro zay hoe malaso. [5] F’ie songa an-
kazavàñe naho ana’ ty atoandro, tsy mpiamo haleñeo ndra o fimoromoroñañeo.
[6] Aa ee t’ie tsy hirotse, manahake o ila’eo, fa hitao naho hilie-batañe. [7] Mirotse
haleñe o mirotseo naho mamo haleñe o mpijikeo. [8] Aa kanao mpiamo atoandroo,
antao ho marea, hampitsetake ty fikalañan’ arañam-patokisañe naho fikokoañe vaho
hisabaka i fitamàm-pandrombahañey*.
[9] Tsy tinendren’ Añahare ho an-kaviñerañe tika, fa t’ie ho rombaheñe añamy
Talèntika IESOÀ Norizañey, [10] ie nivilasy ho antikañe, le he mañente ke mirotse ro
hitraofan-tika haveloñe. [11] Aa le mifañosiha, naho mifampiraoraòa, hambañe ami’ty
fanoe’ areo avao.

*Fañaveloañe Masiñe*

[12] Mihalaly ama’ areo zahay, ry longo, ty hiasia’ areo o mpifanehake ama’ areo
naho mpifehe vaho mpanoro anahareoo amy TALÈ ao. [13] Le aonjono am-pikokoañe
o fitoloña’ iareoo, vaho mifampilongoa. [14] Risihe’ay nahareo ry longo, hatahatào o
mañarinjeñeo, ohoño o mimoremoretseo, imbao o midazidazìtseo vaho hene ilofiho.
[15] Asoao tsy hamalean-draty ty raty ndra ama’ ia ia, fe paiao nainai’e ty hañasoa ty
ila’e naho ze fonga ondaty. [16] Mirebeha avao, [17] Mihalalia nainai’e, [18] kila andriañeñe;
fa zay ty satrin’ Añahare ho anahareo am’ IESOÀ Norizañey. [19] Ko akipeke ty Arofo.
[20] Ko mavoeñe o fitokiañeo, [21] fa biribirio ze he’e; tambozoro ty soa. [22] Ifoneño ze
atao haratiañe.

*Figadoñañe*

[23] I Andriananañaharem-pañanintsiñey abey ro hañeneke ty fiavaha’areo, hañaro
ty arofo naho ty fiaiñe vaho ty sandri’ areo ho fonitse tsy aman-kila amy fitotsaha’ i
Talèntika IESOÀ Norizañeiy. [24] Migahiñe t’i mikanjy anahareo, Ie ro hañeneke zay.

* **4:16** Ies 18:3, 27:13, Ioe 2:15, Amo 3:6, Zek 9:14, Mat 24:31, 1Ko 15:52, Ben 4:1 * **5:8** Ies 59:17

25 Ry rahalahio, mihalalia ho anay. 26 Añontaneo an' oroke miavake o longo iabio,
27 Afantoko ama' areo amy TALÈ ty hamaky ty taratasy toy amo longo iabio. 28 Ho
ama' areo abey ty hasoa' i Talèntika IESOÀ Norizañey.

# Tesalonika II

1 I Paoly naho i Silasy vaho i Timoty,
Ho amy Fivori' o nte Tesalonika aman' Añahare Raen-tika vaho i Talèntika Iesoà
Norizañeio:
2 Hasoa naho Fañanintsiñe ama' areo boak' aman' Añahare Rae naho i Talè Iesoà
Norizañey.

*Fañandriañañe naho Halaly*

3 Andriañe'ay nainai'e nahareo ry longo aman' Añahare fa mañeva, amy te vata'e
mitombo ty fatokisa' areo vaho mitolom-pihavelo ty fifampikokoa' areo, 4 ie ty isen-
gea'ay amo Fivorin' Añahareo, toe ty fifeaha' areo naho ty fatokisa' areo amo fonga
fampisoañañe naho faloviloviañe vavè' areoo,
5 ze toe mamente ty fahiti-tom-pizakan' Añahare, te volilieñe mañeva i Fifehean'
Añaharey nahareo, ie toe ampisoañeñe. 6 Ty havantañan' Añahare ty andilova'e o
mañembetse anahareo, 7 naho hampanintsiñe anahareo nivolevolèñe vaho zahay,
ami'ty fisodeha' Iesoà Talè andindìñe eñe rekets' o anjeli'eo añ'afo mibebañe ao,
8 hamalea'e an-tsotry ze tsy mahafohiñe an' Andrianañahare, ie tsy mañorike i talily
soa' i Talèntika Iesoà Norizañeiy, 9 fa ho liloveñe am-pimongorañe nainai'e lavitse ty
fiatrefa' i Talè naho ty enge' i haozara'ey, 10 ie mitotsake atoy ho rengèñe amo noro'eo
vaho hifalea' o hene mpiatoo amy andro zay, amy te natokisa' areo i nitaroña'aiy.
11 Le zao ty ihalalia'ay nainai'e ho anahareo, t'ie ho volilien' Añaharen-tika te hañeva
i fikanjiañey naho ho henefa'e ze hene fisalalan-kasoa naho fitoloñam-patokisañe
an-kaozarañe, 12 soa te honjoneñe ama' areo ty tahina' Iesoà Talèntikañey, vaho
inahareo ama'e ao, ty amy fatarihan' Añaharen-tika naho i Talè Iesoà Norizañeiy.

## 2

*I Lahihagan-Kakeoy*

1 Aa le mihalaly ama' areo zahay ry longo, ty amy fiavi' i Talèntika Iesoà Norizañeiy
naho i fitontonan-tika ama'ey, 2 t'ie tsy hitroetroe am-betsevetse, tsy ho tsiborehetohe'
ty fañahy, ndra ty lañonañe, ndra ty taratasy atao nihirik' ama'ay manao te
nitondroke ty andro' i Talè. 3 Mitaoa tsy ho fañahie' ndra iaia amy zay, fa tsy
ie naho tsy avy hey i fihànkañey vaho abentatse indaty tsy aman-Kakey*, i anam-
pandrotsahañey, 4 ie hanjehatse naho hiebotse ambone' ze atao 'ndrañahare ndra
fitalahoañe, hitoboke añ' anjomban' Añahare ao hieva ho Andrianañahare. 5 Tsy
tiahi' areo hao te nitaliliako te mbe tama' areo? 6 le fohi' areo o misebañe aze
henaneo, hampiboake aze an-tsa'e. 7 Fa mifanehake añetake ao henaneo i fisitahañe
amy Hàkey; fe mbe mitoloñe avao i mpanebañey ampara' t'ie nasintake añe.
8 Haboak' amy zay i tsi-an-Kakey naho ho rebahe' i Talè ami'ty fikofoham-palie'e†
vaho harotsa'e ami'ty fireandrea' i fitotsaha'ey. 9 Eka, ie pok' eo i tsy mañambeñe
Hàkey, le hatolo' i mpañìnjey aze ty haozarañe hitoloñe raha tsi-tantane maro reke-
biloñe naho sahàtse, 10 naho ze hene famañahia' ty hatsivokarañe amo hirotsakeo,
ie tsy nandrambe ty fikokoañe ty hatò hahazoa' iareo rombake. 11 Zay ty amañahian'
Añahare iereo, hiantoke ty vande‡, 12 le fonga ho zakaeñe o tsy miantoke ty hato te
mone mifale an-katsivokarañeo.

*Mivontitira*

* **2:3** Dan 11:36-39 † **2:8** Ies 11:4 ‡ **2:11** Jao 9:39, 12:40, Top 7:42, Rom 1:24-28

13 F'ie tsy mete tsy mañandriañe an' Andriananañahare ty ama' areo nainai'e, ry
longo isohe' i TALÈ, amy t'ie nijoboñen' Añahare tam-pifotora'e añe ho rombaheñe
ami'ty fampiavaha' i Arofoy vaho ty fatokisañe ty hatò§. 14 Zay ty nikanjia'e anahareo
amy talili-soa'ay, handrambe ty enge' i TALÈn-tika IESOÀ Norizañey. 15 Aa le mijohaña
ry longo, mifahara amo fañòhañe nañoha'aio, ke an-tsara he an-taratasy.
16 Le i Talèntika IESOÀ Norizañey naho i Andriananañahare Raen-tika mpikoko antika
naho nanolotse antika fañohoañe tsy modo naho fitamàn-tsoa amy fañisoha'ey abey
17 ro hañosike ty arofo' areo vaho hampijadoñe anahareo amy ze hene tsara naho
fitoloñan-tsoa.

# 3

*Mahaliñisa i Norizañey*

1 Honka'e ry longo, mihalalia ho anay te hiboele masika ty tsara' i TALÈ, naho ho
rengeñe manahake te ama' areo añe, 2 vaho t'ie ho votsorañe am'ondaty lo-tsereke
naho tsivokatseo amy te tsy songa mpiato. 3 Fe migahiñe t'i TALÈ, ie ty hañoreñe
naho hikalañe anahareo amy ratiy. 4 Atokisa'ay amy TALÈ ao t'ie fa manao mbore
hanoeñe o fandilia'aio. 5 Aa ehe te ho tehafe' i TALÈ mb' amy fikokoan' Añaharey
naho mb'amy figahiña' i Norizañey ty arofo' areo.

*Hantahanta ami'ty Fiaitsairañe*

6 Ie amy zao ry longo, lilie'ay ami'ty tahina' i Talèntika IESOÀ Norizañey, t'ie
hisitake amy ze longo mañavelo an-kelokeloke, tsy amy fañòhañe rinambe'e ama'aiy.
7 Fa fohi' areo soa ty fitsikombeañ' anay, ie tsy nikopiso, 8 mbore tsy nikama ty
mahakama' ondaty tsy vinili'ay fe nitromake naho nifanehake handro an-kaleñe,
tsy hampivavea'ay, 9 tsy t'ie tsy nanandily, fe nanolo-batañe hitsikombea' areo. 10 Ie
mbe tama' areo le nililie'ay ami'ty hoe: Ehe tsy hikama ty tsy mete mitoloñe. 11 Fa
tsinano'ay te ama' areo ty tsy mahalie-batañe, tsy mitoloñe, fa mirañadrañake avao.
12 Le hoe ty lilie'ay naho osihe'ay amy Talèntika IESOÀ Norizañey o manao zaio: soa
re te hitoloñe am-pianjiñañe naho hikama o azeo. 13 Ie amy zao ry longo, ko milesa
am-panoan-tsoa. 14 Aa naho eo ty tsy mañaoñe o enta'ay ami'ty taratasy toio, le
rendreho vaho ko itraofañe, hisalara'e, 15 f'ie ko anoe' areo rafelahy, fa torò amy t'ie
longo.

*Figodañañe*

16 I Talèm-pierañerañañey abey ro hampanintsiñe anahareo nainai'e amy ze sata-
soa iaby. Ho ama' areo abey t'i TALÈ. 17 Ingo ty fañontanean-tañako, zaho Paoly, ty
viloko amo taratasiko iabio, zao o sokikoo.
18 Ty hasoa' i Talèn-tika IESOÀ Norizañey ho ama' areo iaby.
Amena.

§ **2:13** Efe 1:4

# Timoty I

[1] I Paoly, Firàhe' IESOÀ Norizañey, ty amy lilin' Añahare Mpandrombake antikañe
naho IESOÀ Norizañe fitamàn-tikañey,
[2] Ho a i Timoty, toe anako am-patokisañe: Hasoa naho fiferenaiñañe vaho
fañanintsiñe boak' aman' Añahare Rae naho i Talèntika IESOÀ Norizañey.

*Hatahata amo Mpañana-Kake Sare'eo*

[3] Inay i nañosihako azoy, zaho nionjoñe mb'e Makedonia añe, le t'ihe hitoboke
e Efesosy ao heike, handily o ila'eo tsy hañoke fañòhañe hafa, [4] naho tsy ho
haoñe'o o talilin-taoloo naho o toñon-droae tsy migadoñeo fa mampifandietse avao,
he ho soloa'e i famandroñan' Añahare mitoloñe am-patokisañey. [5] Fa ty firefea'
o fanoroañeo le fikokoañe boak' añ'arofo hiringiri'e naho hazavàn-troke miharo
fatokisañe to; [6] teo ty nitsile ami'ty hiti'e naho nidrikiñe mb' an-drehake borosode
añe, [7] ie te ho mpañoke Hake, fe tsy apota'e ndra ze rehafe'e ndra o raha vontitire'eo.
[8] Fohintika te soa t'i Hake naho oriheñe ami'ty lili'e, [9] tsapa te tsy afetsake ami'ty
vantañe t'i Hake fa ami'ty tsy mañaon-Kàke, o mpanjehatseo, o mpiolao naho o
tsivokatseo; o aman-tahiñeo naho o miteraterao, ho amo mpamono rae naho reneo,
o mpañoho-dozao, [10] o mpandrañaotseo, o sambe-lahy mpifandeotseo, o mpañovok'
ondatio, o mpandañitseo, o mpitalily vilañeo, vaho ze mpandietse fañòhañe to, [11] ty
amy talili-soan' Añahare rengeñe nafantoke amakoy.

*Ty Falalà i TALÈ i Paoly*

[12] Andriañeko i Talèntika IESOÀ Norizañey mampaozatse ahikoy, amy te natao'e ho
migahiñe, vaho najado'e amy fitoroñañey, [13] zaho nimpiteratera naho mpampisoañe
vaho nimpijoy heike; fe niferenaiñañe amy te nanoeko tsy aman-kilala tsy am-
patokisañe, [14] le nidobañe amako ty hasoa' i Talèn-tikañey reketse ty fatokisañe
naho fikokoañe am' IESOÀ Norizañey. [15] Taroñe atokisañe naho mañeva fiantofañe
pea, te,

Nivotrake an-tane atoy
t'IESOÀ Norizañe
handrombake o aman-kakeoo,
zaho ty lombolombo'e;

[16] fe zao ty nitretrezañe ahy, ty amy hoe zay, soa te amako hey ty nampalangesa'
IESOÀ Norizañey ty fahaliñisa'e do'e, hitsikombea' o hiato ama'eo, hiveloma'e
nainai'ey. [17] Ho amy Mpanjaka tsy ho modo, tsy ho momoke, tsy isakey, i
Andrianañahare mahihitse tsy roe tsy teloy abey, ty asiñe naho ty engeñe nainai'e
donia. Amena.

*Fantoke Valoha'e: Mifanehafa ami'ty Aly Soa*

[18] Inao ty fanoroañe hafantoko ama'o, ry Timoty anake, ty amo nitokiañe ama'oo,
t'ie mañorike irezay ro hifañotak' amy aly soay, [19] hifahatse am-patokisañe naho an-
kazavàn-troke; ie fa namoea' o ila'eo, le nanao ty fatokisa' iareo ho làka-nijoroboñe.
[20] Mpiam' iereo t'i Himeneo naho i Aleksandro ze natoloko hioke amy mpañìnjey, tsy
hiteratera.

## 2

*ty amo Fitalahoañeo*

[1] Ty añosihako valoha'e le te hanoeñe ho a ondaty iabio ty fihalaliañe, filolo-
hañe, fañalañalañañe naho fañandriañañe, [2] naho amo mpanjakao naho o fonga

mpifeheo, hiveloman-tika am-pianjiñañe naho fanintsiñañe, mañambeñe Hake vaho
migahiñe. 3 Fa zay ty soa naho mete am-pivazohoan' Añahare Mpandrombak' antika,
4 ie satri'e te ho hene tra-drombake ondatio hahatendreke ty faharendrehañe ty hatò.
5 Raike* t'i Andrianañahare, naho raike ty Mpañalañalañe añivon' Añahare naho
ondatio, indaty atao IESOÀ Norizañey, 6 i nanolotse ty fañòva'e ho vilin' ai' ze he'ey,
ho fitaliliañe an-tsa do'e. 7 Zay ty nanendreañe ahy ho mpitaroñe naho Firàheñe—
mivolan-katò raho fa tsy mandañitse—ho mpañoke to naho migahiñe amo kilakila'
ndatio.
8 Aa le salalàeko te hene hitalaho ondatio ndra aia' aia am-pañonjoñam-pitàñe
miavake, tsy an-kaboseke ndra lietse. 9 Manahake zay, te hisaroñe ami'ty eva'e o
rakembao, ho hendre naho tsò-po, tsy a-maròy mirandrañe tsy am-bolamena ndra
hange, vaho tsy misikin-damba marerarera, 10 fa mitolon-tsoa† mañeva o rakemba
manao ho mpitalaho aman' Añahareo. 11 Ehe te hianjiñe naho hiandaly o rakembao
t'ie mioke. 12 Tsy meiko hañòke ndra hanan-dily ami'ty lahilahy ty rakemba, fa
hianjiñe. 13 Amy te namboareñe hey t'i Dame, vaho zay i Haova. 14 Le tsy i Dame ty
ni-fañahieñe, fa i rakembay ty finitake vaho nikorovoke an-kakeo. 15 Ie amy zao, ho
rombahen-dre amo fisamahañeo, ie milozoke am-patokisañe naho fikokoañe vaho
fiavahañe mitrao-pilieram-batañe.

# 3

### *Mpifehe naho Mpañolotse*

1 Inao ty tsara to: Ie mipay ho mpiaolo t'indaty, ro misalala fitoloñan-tsoa. 2 Aa
le tsy mahay tsy halio tahiñe i mpiaoloy, migahiñe amy rakemba'ey, tsy mpijike,
hendre, vañoñe, mpitoka-pandrioñe, mahay mañoke; 3 tsy mpitolon-divay, tsy
mpandafa, fa mpiheve, trentram-po, votsotse ami'ty hatea drala, 4 mahay mandahatse
ty anjomba'e, tsy manjehatse o keleia'eo fa miandaly ama'e; 5 (aa naho tsy mahafehe
ty anjomba'e t'indaty, aia ty hahafiatraha'e ty Fivorin' Añahare?) 6 le tsy t'ie
vaho namototse ho mpiato, hera hirengevoke vaho hifotsake ami'ty fa' i mpañìnjey.
7 Paiañe t'ie ho to-rehake am'ondaty alafe'eo, tsy mone hikorovoke ami'ty inje naho
ty fandri' i mpañìnjey.
8 Hambañe amy zay o mpitoroñeo, t'ie higahiñe, tsy mpitolom-bolañe, tsy
mpigeno-divay, tsy mpipay vokàñe, 9 fe tambozore'e an-kazavàm-po o raha mietake
amy fatokisañeio. 10 Soa re te tsoheñe hey, le ie ventèñe te tsy aman-kandra ro
ampitoloñeñe.
11 Tsy mete tsy ho hendre ka o rakembao, tsy mpikanifoke, fa mahalie-batañe,
naho malili-po amy ze he'e. 12 Raike avao ty vali' i mpitoroñey, ie mahafehe o
keleia'eo naho i anjomba'ey, 13 fa mitaka-kavañonañe ty mpitoroñe mitolon-tsoa,
naho mahasibek' am-patokisañe, ie amy IESOÀ Norizañey ao.

### *Ty Mañeva añ'Anjomban'Añahare ao*

14 Sokireko ama'o hey o raha zao, amy te salalaeko ty homb'ama'o mb'eo te aniany;
15 fe ke malaoñe, le ho fohi'o ty fanao añ'anjomban' Añahare ao, i Fivorin' Añahare
veloñey, ty fahañe naho manantan-katò. 16 Fonga miantoke te ra'elahy ty tafatoñom-
pañambenañe Hake:
Ie naboak' an-tsandriñe*,
Nampivantañeñe añ'arofo†,
Niisa' o anjelio‡,

* **2:5** Ko I 8:6, Efe 4:6, Mar 12:29-34 † **2:10** Mat 16:27 * **3:16** Heb 10:5 † **3:16** Ies 42:1, Iek 36:27, Mik 3:8
‡ **3:16** Sab 91:11

Nitaroñeñe amo kilakila ondatio§,
Natokisañe ami'ty voatse toy*,
Rinambe añ'engeñe ao.

# 4

*O Mpañoke Sare'eo*

[1] Tsara nadodea' i Arofoy te hifampiria amy fatokisañey ty ila'e an-tsan-kònka'e
añe, ie hañaoñe fañahim-pamañahiañe naho fañòhan-kokolampa, [2] boak' ami'ty
hasoa-fiatrefam-pandañitse, naho hoe sinodom-by mae o ereñeren-tro' iareoo; [3] ie
mandrara fañengam-baly, vaho mandily te tsy kamaeñe ty mahakama nanoen'
Añahare ho rambese' o matoky naho mahafohiñe ty hato am-pañandriañañeo.
[4] Hene soa ze namboaren' Añahare, le tsy ao ty ho làneñe fa rambeseñe am-
pañandriañañe, [5] ie fa neferañe amy Tsaran' Añaharey* naho an-kalaly†.

*Fanolorañe o Mpañoke Too*

[6] Ie toroa'o aman-drolongo, le ho mpitoron-tsoa' IESOÀ Norizañey, finahañe an-
tsaram-patokisañe naho amy fañòhañe do'e fañoriha'oy. [7] Fe ifoneño o talily
borosode mañeva takàhon-drakembao, le mifanehafa ami'ty fañambenan-Kake. [8] Fa
ndra te ahazoañe tombo'e kede o fampipoahañ' ozatseo, mahasoa amy ze he'e ty
fañorihan-Kake, ie minday fampitamàñe ami'ty haveloñe toy naho amy ho tendreke
añey. [9] Inao ty tsara to, toe mañeva iantofañe: [10] (toe ifanehafa'ay naho inozoha'ay),
t'ie
Miato aman-Añahare veloñe,
Mpandrombake ze kila ondaty,
sandrake o amam-patokisañeo.

*Ko Adoñe o Falalàñeo*

[11] Tseizo naho anaro i tsaraeñey. [12] Ko apo'o ho mavoe' ondaty ty hazatovo'o,
fe anò ze hitsikombea' o mpiatoo azo an-tsara naho fañaveloañe naho fikokoañe
naho fatokisañe vaho halio-tahiñe. [13] Ampara' te pok'eo raho, imaneo famakiañe,
fanoroañe, naho fañohañe. [14] Ko ado'o i falalàñe ama'oy, i natolots' azo am-petsem-
pitoky am-panampezam-pità' o androanavioy. [15] Imaneo i raha rezay naho tsatsiho,
soa te halange amy màroy ty firaoraòa'o. [16] Mitaò ami'ty vata'o naho amo fañòha'oo.
Itoloño, amy t'ie manao ro mandrombake ty vata'o naho o mijanjiñ' azoo.

# 5

*O Vantotseo, O Andranavio, Ondevoo*

[1] Ko mitrevoke androanavy, fa ahitio hoe rae naho o gaon-dahio hoe rahalahy, [2] o
rakembao hoe rene, o somondrarao hoe rahavave, ami'ty hakanitso'e do'e.
[3] Iasio o ramavoiñeo, o toe vantotseo. [4] Aa naho aman' anake ndra afe ty
vantotse, le soa re te hioke hey ty hitoloñe ami'ty lilim-pitalahoañe añ'anjomba'e
ao, hañavaha'e ty nisongoeñe aman-droae'e, fa zay ty non' Añahare am-pivazohoa'e.
[5] Fa mitamà an' Andrianañahare ka i toe vantotsey i nengañe ho vahiniy, ie mitolom-
pilolke naho mihalaly handro an-kaleñe; [6] fe mikoromake o mierañerañe añ'
arimoeñeo ndra t'ie veloñe. [7] Afantoho ka irezay soa tsy hinjeañe. [8] Aa naho eo ty tsy
mamahañe o azeo, àntsake o keleia'eo, le fa nifary i fatokisañey vaho lombolombo'
ty tsi-miato.
[9] Ampivolilieñe ho vantotse ze ambone' ty enem-polo taoñe, migahiñe amy
tañanjomba'e, [10] mbore aman' engeñe amo tolon-draha soa'eo, ie fa nahabey anake,

§ **3:16** Ies 62:11, Mat 24:14, Mar 13:10, Kol 1:23 * **3:16** Jao 8:30, Top 2:44, 14:12 * **4:5** Sor 11:1-47, Its 14:1-29
† **4:5** Ko I 10:31

naho fa nampiantraño ambahiny, naho fa nanasa ty fandia' o noro'eo, naho fa
nanaha o misotrio, vaho fa nahimbam-pañorike ty fitoloñan-tsoa. 11 Fe liero ty
vantotse tora'e, hera ho likoare' ty hadraom-bata'e ty fiatoa'e amy Norizañey, vaho
hisalala hanambaly; 12 mamà-batañe iereo amy te napoke i fatokisa' iareo valoha'ey.
13 Ie amy zay, mizatse mikopiso, mitsatsà-traño; le tsy vaho mihànitse avao fa toe
matsindrañe naho mitolom-bolañe; mivolan-draha tsy mañeva. 14 Aa le osiheko
hangala-baly o vantotse tora'eo, hiterake, hañalahala anjomba, soa tsy omen-dalañe
i rafelahiy hañìnje. 15 Toe fa nitsile nanonjohy i mpañìnjey o ila'eo. 16 Aa naho aman-
dongo vantotse ty rakemba mpiato, soa re te atrafe'e, le tsy i Fivoriy ty hiloetse ama'e,
fa o toe vantotseo ro fahana'e.

*O Andranavio*

17 Mañeva asiñe indroe o androanavy mifehe soao, àntsake o mpifanehake amo
tsarao naho amo fañòhañeoo. 18 Fa hoe i Sokitse Masiñey:

Ko vihine'o ty vavan'añombe mandisañe*,
naho,
Mañeva ty rima'e ty mpièke†.

19 Ko mañaon-tsisý amy t'indaty bey naho tsy telo ndra roe ty valolombeloñe‡.
20 Endaho aolo' i màroy ty mitolom-pandilatse, hihembaña' o ila'eo.

*Oriheñe fa tsy Irihiañe*

21 Afantoko añatrefan' Añahare naho Iesoà Norizañey vaho o anjely jinoboñeo
rehe ty hañambeñe irezay, le ko mirihy, ko mañisokisoke aman-dra inoñ' inoñe.
22 Ko meke hanampe fitàñe ama' ondaty, vaho ko mitraoke ami'ty hatsivokara' o
ila'eo; vontitiro ty halio-tahi'o. 23 Ko minon-drano avao fa ano divay kede ty ami'ty
fisafoa'o naho o fangonora'oo.

24 Malange ty hakeo' ondaty ila'e ie miaolo iareo mb'an-jaka mb'eo, fe mañorike
afara ty ila'e. 25 Midodea ka o sata soao, fe ndra tsy zay, tsy hay aetake avao.

# 6

*Osike am' ondevoo*

1 Soa re te songa hanao ty tompo'e ho mañeva asiñe o ambanen-jokam-
pañondevozañeo, soa tsy injeñe ty tahinan' Añahare naho o fañòhañeo. 2 Le o
aman-tompo mpiatoo, ehe tsy haketra'e ty asiñe ama'e katao mpilongo, fe antsake
te itoroñañe soa, amy te mpiato kokoañe o mpitraoke amy vokatseio. Ianaro naho
osiho.

*Hatea-vara*

3 Aa naho eo ty mañoke raha hafa, tsy miantoke ty venten-tsaontsy nitsarae' i
Talèntika Iesoà Norizañey, naho ty fañòhañe milahatse aman-Kake, 4 ie mpibohabo-
ha naho bahimo, mitolom-pañontane raha mampitrabike, mpifandietse saontsy, le
mivariñ' am-piriàñe, naho ali-troke naho teratera vaho kilily, 5 ie mifamotepotetse
tsy vente'e am'ondaty aman-kilala vìlañeo, o kòake tsy aman-katòo, vaho atao'e te
fanontonam-bara ty fañambenan-Kake. 6 Toe mampiraorao ty fañorihañe Hake an-
kaehake. 7 Amy te tsy eo ty nindesen-tikañe ami'ty voatse toy, vaho tsy eo ty hindesen-
tika hiakatse ama'e. 8 Ie aman-ko kamaeñe naho saroñe tika, le tsy iereñañe.
9 Fe mijoñe am-panjiziañe naho am-pandrike naho am-pipaian-katsivokarañe naho
amo raha mavoiñe mampijoro t'indaty an-karotsahañe naho an-koromahañe ao ze
misalala ho mpañaleale. 10 Toe vaha' ze atao haratiañe i hatea varay, le fa nisitak'
amy fatokisañey ty ila' o mañiriñe azeo, ie mampitsipo-batañe an-kaoreañe maro.

---

* 5:18 Its 25:4; 2 Kor 9:9 † 5:18 Sor 19:13; Its 24:15 ‡ 5:19 Its 17:6, 19:15

11 Aa ihe, zatovon' Añahare, ibotitsiho le heaño ty havantañañe, ty fañorihañe
Hake, ty figahiñañe, ty fikokoañe, ty fifeahañe vaho ty hamoràn-troke. 12 Mifanehafa
amy aly soa' i fatokisañeiy, tambozoro i haveloñe nainai'e nikanjiañe azoy,
i nitaroñe'o soa añatrefam-balolombeloñe màroy. 13 Le afantoko ama'o am-
pivazohoan' Añahare mpameloñe ze he'e naho IESOÀ Norizañe nitaroñe o talili-soa
aolo' i Pontio Pilatoo, 14 ty hambena'o tsy aman-kandra ndra fitsikoañe i nafantokey*,
ampara' ty fitotsaha' i Talèntika IESOÀ Norizañey, 15 fa an-tsa do'e ty hampibentara'
i Tsitongerè tokañe andriañeñey, Mpanjaka' o mpanjakao, Talèn-talè, 16 Ie avao ro
tsy aman-kamodoañe, mimoneñe an-kazavàñe tsy lefe harineañe, mboe tsy niisa'
ondaty naho tsy mete isaheñe; ama'e ty asiñe naho ty haozarañe nainai'e. Amena.

### *Fañòhañe o Mpañalealeo*

17 Lilio o mpañaleale ami'ty haveloñe toio ty tsy hiebotsebotse, tsy hiato vara tsy
azo antoke, fa aman' Añahare veloñe mpandogologo amantika ze hene mahaehake
antikañe. 18 Le ty hanao soa, t'ie ho mpañaleale am-pitoloñan-tsoa†, matarike, naho
veka'e hanolotse, 19 mamandroñe manantañe soa mihaja ho amy añey, hamejañe i
toe haveloñey.
20 O Timoty! ambeno i nafantoke ama'oy, iholiaro ze rehake borosode naho kòake
naho o fifandierañe tsy vente'e atao hilalao. 21 Ie niantofa' ty ila'e le fa nandrìke
amo fatokisañeo. Hasoa ama'o. Amena

---

* **6:14** Hake zay, Its 17:20, Sab 19:8 † **6:18** Mat 16:27

# Timoty II

*Fiaolo*

1 I Paoly, Firàhe' IESOÀ Norizañey ami'ty satrin' arofon' Añahare, amam-pitamàn-
kaveloñe am' IESOÀ Norizañey. 2 Ho a i Timoty, anake kokoako: Hasoa naho tretre
vaho ty fañanintsin' Añahare Rae naho i Talèntika IESOÀ Norizañey.

*Fañandriañañe i Fatokisa'e*

3 Andriañeko t'Andrianañahare italahoako manahak' an-droaeko an-kazavan-
troke, le mahatiahy azo nainai'e raho am-pilolofako handro an-kaleñe; 4 le misalala
hahatrea azo amy fitiahiako i ranomaso'oy, hahaliforañ' ahy an-kaehake, 5 ie tiahiko
ty fatokisan-tò an-tro'o ao, ze nimoneñe heike tañova' i Loizae renebei'o naho amy
Eonikae rene'o vaho atokisako te ama'o ka. 6 Zay ty añosihako azo ty hampibelañe
i falalàn' Añaharey ama'o añamy nanampezan-tañakoy. 7 Toe tsy tinolon' Añahare
troke mimalimalitse tika, fa ty arofon-kaozarañe naho ty fikokoañe, vaho ty filieram-
batañe.
8 Aa le ko salareñe ty talili' i Talèntikañey, naho zaho mpirohi'e, fe mitraofa amako
ami'ty falovilovia' i talili-soay amy haozaran' Añaharey, 9 i fa nandrombake antika
naho nikanjy antika am-pikanjiañe miavake, tsy ty amo fitoloñan-tikañeo, fa amy
satrin' arofo'ey naho i falalàñe natolotse antika am' IESOÀ Norizañey taolo' ty fifotora'
o sàoy, 10 f'ie naboake henane zao ami'ty fitotsaha' i Mpandrombak' antika IESOÀ
Norizañey, i nandrotsake i havilasiiy vaho ninday haveloñe naho tsi-fihomahañe
mb' an-kazavàñe mb'eo amy talili-soay, 11 i nanendreañe ahy ho mpitaroñe naho
Firàheñe naho mpañokey. 12 I hoe zay ty isotriako o raha zao; fe tsy salatse, fantako
i Fiatoakoy, vaho atokisako t'ie mahafihaja i nampañajako azey ampara' i àndroy.
13 Tambozoro ami'ty fatokisa'o naho fikokoa'o am' IESOÀ Norizañey ty vente' o tsara-
kanintsiñe tsinano'o tamakoo. 14 Vontitiro o raha soa natolotse azoo ami' ty fañimbà'
i Arofo Masiñe mimoneñe añovan-tikañey.
15 Apota'o te fonga niamboho ahy i e Asia añe rey miharo amy Figelo vaho i
Hermogena. 16 Ehe te ho tretreze' i TALÈ o añ'anjomba' i Onesiforoseo, fa beteke
nampanintsiñe ahiko vaho tsy nahameñatse aze o silisilikoo, 17 f'ie te Roma le
nitsoek' ahy ampara' te nioni'e. 18 Hatolo' i TALÈ aze abey ty hahaoniña'e tretrè
amy TALÈ amy andro zay! Ie fohi'o soa o sata maro nitoroña'e ahiko e Efesosy añeo.

## 2

*Fañosihañe*

1 F'ihe, anako, maozara amy hasoa' IESOÀ Norizañeiy. 2 Le o tsinano'o amako aolo'
ty valolombeloñe maroo ro afantoho ama'ondaty migahiñe hahafañoke o ila'eo ka.
3 Mindreza hasilofañe amako hoe lahin-defo' soa' IESOÀ Norizañey. 4 Tsy ia ty mitolon-
ko lahindefo ze mifehefehe an-tsata' ty tane toio; fa ty hahafale i nanendre aze ho
lahin-defoñey. 5 Le i mpimane tsikiaviaviy, tsy tambezen-dre naho tsy ilozoha'e o
fañèn-tsikiaviavio.

*Mpambole Mahafeake*

6 Tsy mete tsy mandrambe amy voka'ey hey i mpambole nifanehake ama'ey.
7 Kinàño o volakoo, le i TALÈ ro hampaharendreke azo amy halifora'ey. 8 Tiahio
t'IESOÀ Norizañe, nampivañoneñe an-kavilasy naho tiri' i Davide, ty amy taliliko
soa 9 isotriako falilovañe naho nampijorobo ahy an-drohy atoa hoe mpanao ratiy;
fe tsy mirohy ty tsaran' Añahare. 10 Zay ty ifeahako ze he'e ho amo jinoboñeo,

handrambesa’ iareo i fandrombahañe am’ IESOÀ Norizañey rekets’ engeñe tsy ritsey.
11 Inao ty entañe to:
Kanao nindre nivilasy ama’e tikañe,
le ho veloñe mindre ama’e ka.
12 Naho mahatañe tikañe,
le hindre hifehe ama’e ka.
F’ie lànen-tika, le ho farie’e ka.
13 Naho tsy mahafiato tika,
migahiñe re, fa tsy mete miteti-vatañe.

### *Mpifanehake Mahimbañe*

14 Aniahio o raha zao, naho imaneo taroñe añatrefan’ Añahare le ko mifandietse
an-tsaontsy, fa tsy manjofake naho mampivalitaboak’ o mpijanjiñeo. 15 Ilozoho
ty hiatrefa’o aman’ Añahare ho mpifanehake no’e, tsy aman-ko salareñe, naho
mahasalàhañe o tsaran-katòo; 16 le iholiaro ty reham-borosode, fa mampihànkañe
ondaty ami’ty Hake, 17 fa handramban-tane hoe angorosy o reha’ iareoo. Mpiama’
iareo t’i Himeneo naho i Fileto; 18 songa nandrìke ami’ty hahiti’e, ie nivolañe te fa
nifetsake i fivañonan-ko-veloñey, ze mamalike ty fatokisa’ o ila’eo, 19 fe mijadoñe ty
mananta-maozan’ Añahare, le pinatetse ama’e ty hoe: Arofoana’ i Talè o azeo*, naho
Tsy mahay tsy hiamboho ty raty† ze manoñoñe ty tahina’ i Talè.

### *Fitovy Miavake*

20 Tsy fitovy volafoty naho volamena avao ty ìsake amo anjomba jabajabao fa eo ka
o aman-katae naho lietseo, eo ty amam-piasiañe, naho ty aman-katsorañe. 21 Aa ze
miefe-batañe amy rezay ty ho fitovim-piasiañe, miavake naho mañeva ho fitoloña’
i TALÈ, veka’e amy ze hene sata soa. 22 Mibolitira amo draon’ ajalahio, le imaneo
havantañañe, figahiñañe, fikokoañe, vaho fifampilongoañe mitraoke amo mpikanjy
i TALÈ añ’ arofo hiringiri’eo. 23 Mihankaña amo fifanjeharañe minè, tsy aman-kilalao,
ie oniñe te minday fifanjomorañe avao.

### *Mpitoroñe ami’ty Hamora-fo*

24 Tsy hanotratsotrake ka ty mpitoro’ i Talè, fa ho lem-po am’ ie iabiy, mahay
mañoke, naho mahafifeake tivetive, 25 mañity o mpandietseo an-kamoràn’ troke, ke
ho metean’ Añahare ty hisolohoa’ iareo, handrendreke ty hatò, 26 hisotraha’ iareo
hibolititse ami’ty fandri-bo’ i mpañìnje nandrohy iareo hanao ze nahin-troke.

## 3

### *Ty tsy Fatokisañe amo Andro Honka’eo*

1 Rendreho te ho tondroke an-tsa sehanga’e añe ty hasotriañe. 2 Le ho mpikoko-
teña naho mpitea vola ondatio, hibohaboha, hirengevoke, hiteratera, hanjehatse
roae, tsy hañandriañe, tsy ho aman-kasy, 3 tsy ho aman-katea, tsy handrae raven-
de, ho mpañinje, tsy maha-lie-batañe, tsy mirèke, mpalain-kasoa, 4 mpifotetse,
mpanao ty tsy nahi’e, mpiebotsebotse, mpitea ty mahafalefale fe tsy mpikoko an’
Andrianañahare, 5 misare te aman-Kake f’ie mandietse ty haozara’e*. Iholiaro!
6 Am’ iereo ty mipiapia an-kivoho ao hitsepake ty rakemba seretse milogologo hakeo
naho aviovio’ ty drao raty, 7 nainai’e mioke, fa le lia’e tsy maharendreke ty hatò.
8 Hambañe amy nitambolitritria’ i Jana naho i Jambra i Mosèy, ty andiera’ iretia ty
hatò; ondaty maleo-betsevetse; zoeñe koake tsy amam-patokisañe. 9 Tsy hiraorao, fa
halange amy màroy t’ie tsivokatse, manahake ty nizoeñe amy nitsaraeñe rey.

* **2:19** Vol 16:5 † **2:19** Sab 34:14, 37:27, Rzs 3:7, 4:24, 14:27, 16:17 * **3:5** Ti II 3:13, Ies 24:5-6, Mat 24:12, Rom 1:30-31, Te II 2:3-11

*Fañaveloañe an-kake*
[10] F'ie nañorike i fañòhakoy, ty satan-kaveloko, ty firefeako, ty fatokisako,
ty fifeahako, ty fikokoako, ty fahaliñisako, [11] ty fampisoañañe, ty faloviloviañe
manahake i nitendreke amako e Antioka naho e Ikonioma naho e Listra añe rezay—
Akore o samporerahañe nifeahakoo, fe rinomba' i TALÈ amy iabiy. [12] Eka, toe
fonga ho samporeraheñe ze te hañorike i Hake am' IESOÀ Norizañey†, [13] fe hiharaty
avao ondaty lo-tserekeo naho o mpamorekeo‡; mamañahy mbore ifañahiañe. [14] Ihe
ka, toloño o nioha'o naho niantofa'oo, fohiñe o nandrendreha'o azeo, [15] naho te
nifohi'o boak' amy naha' ajaja azoy o Sokitse Masiñe mete mampahihitseo, hitaoñe
azo mb' am-pandrombahañe t'ie miato am' IESOÀ Norizañey. [16] Nikofòn' Añahare
ze hene Sokitse Masiñe, le mahasoa ami'ty fañòhañe, fañendahañe, fañitiañe
vaho fanoroan-kavantañañe, [17] hahafoniranñe ondatin' Añahareo ho veka'e amy ze
fitoloñan-tsoa iaby.

# 4

*Nafantoke Hitaroñe i Hake*
[1] Aa le afantoko ama'o añatrefan' Añahare naho IESOÀ Norizañey, i hizaka o
veloñeo naho o nivilasio amy fitotsaha'ey naho amy fifehea'eiy, [2] ty hitaroñe i tsaray!
ho veka'e he an-tsà'e ke tsy an-tsà'e ty hampiantoke, hañatahata, naho hañosike am-
pañohañe pea fahaliñisañe. [3] Toe ho tondroke ty sa' tsy hiantofañe ty mpañohañe
vantañe, fa an-draven-tsofiñe mangilingily ty hanontona' iareo mpañoke tsahatse o
drao' iareoo*, [4] naho hongañe' ty ravembia' iareo ty hatò, hitolike mb'an-dantom-
bolañe. [5] F'ihe! migahiña amy ze he'e, feaho ty sarotse, toloño an-tsatam-pitaroñe,
henefo i fitoroña'oy.

*Ty Fitama'i Paoly Hivetrake*
[6] Toe ailin-koe enga-rano raho henaneo, naho an-titotse ty fiengako. [7] Fa
nihotakotaheko i aly soay, nihenefeko i tsikiaviaviy, nivontitireko i fatokisañey.
[8] Mihaja ho ahy henane zao ty sabakan-kavantañañe hatolo' i TALÈ Mpizaka Mahitiy
ahy amy andro zay, le tsy amako avao, fa amy ze hene hifale amy fitotsaha'ey.

*I Paoly am-Porozo ao*
[9] Milozoha homb'amako mb' atoa aniany; [10] fa naforintse' i Demasy, ie loho mpitea
ty voatse toy ro nienga mb'e Tesalonika añe; naho nimb'e Galate añe t'i Kreska vaho
nimb'e Dalmatia mb'eo t'i Titosy. [11] I Lioke avao ro amako atoy. Hitrifo t'i Marka vaho
ampitraofo ama'o mb'etoa, amy t'ie mahasoa ahy amy fitoroñañey. [12] Fa nahitriko
mb' Efesosy añe t'i Tikiko. [13] Ihe mb'etoa, endeso i saroñe nengako añ'anjomba'
i Karpo e Troasy añey, naho o bokeo, àntsake o an-kolitseo. [14] Loho nijoy ahy t'i
Aleksandro mpanefe saba, fa hivalea' i TALÈ mañeva o sata'eo†. [15] Itaò, fa niliere'e
mafe o enta'aio.
[16] Tsy eo ty nanozañe ahy amy fikòm-bolako valoha'ey, fonga nifary ahy. Ee t'ie tsy
hasesek' am' iereo. [17] Fe nijohañe amako eo t'i TALÈ nampaozatse ahy, hañenefako i
fitaroñañey, hahajanjiña' ze kila fifeheañe. Toe rinombake am-bava' i lionay raho‡.
[18] I TALÈ ro hamotsots' ahy amy ze hene sata-raty, handrombake ahy ho am-pifehean-
dikera'ey. Aze ty engeñe an-tsa mb'an-tsa. Amena!

*Fisalama' i Paoly Honka'e*
[19] Añontaneo t'i Prisilae naho i Akoila, vaho o añ'anjomba' i Onesiforosio.
[20] Nitambatse e Korinto añe t'i Erasto, fa nengako siloke e Mileto añe t'i Trofimo.

---

† **3:12** Mat 5:10 ‡ **3:13** Mat 24:12, Ben 22:11 * **4:3** Ies 30:10, Iir 5:31, Rom 16:18 † **4:14** Sab 28:4, 62:12
‡ **4:17** Sab 22:21

21 Imaneo fiavy aolo' ty asotry. Mañontane azo t'i Eobolo naho i Poda, naho i Lino
naho i Klaodia vaho o longo iabio. 22 I Talè ro hañimba ty tro'o. Ho ama' areo abey
ty hasoa. Amena.

# Titosy

*Fiaolon-dRehake*
1 I Paoly, fetrek' oron' Añahare naho Firàhe' Iesoà Norizañey, ho ami'ty fatokisa' o
jinobon' Añahareo naho ty faharendrehañe ty hatò amy fañorihañe Hake, 2 misalala
i haveloñe nainai'e nampitaman' Añahare tsy mandañitsey, taolo' ty fifotora' o saao,
3 ie naboake an-tsà mañeva i tsara'ey añamy fitaroñañe nafantok' amako ami'ty lilin'
Añahare Mpandrombak' antikañey.
4 Ho a i Titosy, toe anake amy fatokisañe itraofañey: hasoa, naho fañanintsiñe
boak' aman' Añahare Rae naho Iesoà Norizañe Mpandrombak' antikañey.

*Orizo ty Mpifehe Mañeva*
5 Ty talim-pañengako azo homb'e Kreta añe, le ty hañity o raha tsy nihènekeo,
naho ty hampijadoñe roandriañe amo hene rovao, amy nafantoko ama'oy, 6 ie
tsy aman-kila, migahiñe amy tañanjomba'ey, naho aman' anake mpiato, tsy
mitangingìñe, tsy mañarinjeñe. 7 Toe tsy mahay tsy malio tahiñe ty mpifehe amy te
mpamandron' Añahare, tsy mpitea-teña, tsy mora viñetse, tsy loho mpinon-divay,
tsy mpandafa, tsy mikiram-bokàñe, 8 f'ie mpanao antalatalasaba, mpitea ty soa,
mahalie-batañe, malili-po, miavake naho migahiñe; 9 mpifahatse ami'ty fañòhañe
to milahatse amy tsara atokisañey, hahafitaroña'e ty entan-tsoa-fehe naho hañitia'e
o mpandietseo.
10 Maro ty te hiola, mpivolambolañe naho mpamañahy, somandrake o mpiamo
savatseo. 11 Ie tsy mahay tsy hampitsiñeñe, fa mandrotsake hasavereñañe heneke,
mañoke raha tsy mañeva, hahazoañe tambe vìlañe. 12 Fa hoe ty mpitoky am' iereo
ao: Mpandañitse avao o nte-Kretao, biby raty, vòtro màhake. 13 To i talilieñey. Aa le
itrevoho, hampatoe' ty fatokisa' iareo, 14 tsy hiantofa'e o lantom-bolañe Tehodao naho
ty fandilia' ondaty mpiamboho ami'ty hatòo. 15 Toe hene hiringiry amo hiringiriñeo,
fe tsy eo ty malio amo malotoo naho amo tsi-miatoo, ie sambe maleotse an-troke
naho am-pitsakoreañe. 16 Ie mieva mahafohiñe an' Andrianañahare te mone tetize'
o sata'eo, mpitangingìñe naho mpiola, milesa amy ze atao asa soa.*

## 2

*Ty Fañòhañe Vañoñe*
1 F'ihe, Taroño ze mañeva atao enta-mahity, 2 hahapendreñe o androanavio
ho vañoñe, hilie-batañe, higahiñe am-patokisañe, an-koko naho am-pahaliñisañe;
3 manahake zay o rakemba beio, t'ie ho vañon-dia mpañeveñe aman-Kake, tsy
mpikanifoke, tsy ondevozen-divay, fa mpañoke havañonañe; 4 mpanoro o ampelao
ho hendre, mpikoko valy naho mpitea anake; 5 ie mahalie-troke, tsy aman-kila, mahay
mañalahala anjomba, matarike, mpiandaly ami'ty vali'e; soa tsy honjirañe ty tsaran'
Añahare.
6 Osiho ka o ajalahio te hilie-batañe. 7 Le an-tsata'o iaby, mañaveloa ho
fitsikombeam-pitoloñan-tsoa*, ho mpañoke vantañe vaho migahiñe, 8 añ'enta
mifehe, tsy itiñeañe, hanalarañe ty mandietse, tsy hinjeañe.
9 Osiho ondevoo hiambàne amo tompo'eo, hampifalea'e an-tsata'e iaby, vaho tsy
hanointoiñe; 10 tsy hampikametse, te mone hitoloñe am-patokisañe do'e, soa te ho
bangoe'e amy ze he'e ty fañòhan' Añahare Mpandrombake antikañe.

* 1:16 Mat 7:21-23, Pe 2:1-22, Jn I 2:4, Jod 1:4 * 2:7 Mat 16:27

[11] Fa niboake ty hasoan’ Añahare minday fandrombahañe ho a ze kila ondaty,
[12] mañoke antika halaiñe ty hatsi-an-Kake naho o hadrao’ ty voatse toio; naho ty hilie-
batañe an-kavañonañe, vaho hañori-Kake ami’ty sà toy, [13] ie liñisantika i fitamàñe
andriañañey—i fiboaham-bolonahen’ Añahare jabahinakey, IESOÀ Mpandrombake
Norizañey, [14] i namoe’ay hijebañe antika amy ze fonga fandilaran-Kakey[†], hañefera’e
ho aze ondaty mahimbañe am-pitoloñan-tsoao[‡].
[15] Itaroño naho añosiho naho añereto an-dily fonitse vaho ko apo’o honjiren-drehe.

# 3

### *Anò ze Mahasoa*

[1] Atorò iareo ty hiambane amo mpifeheo, naho amo bei’eo, tsy hanjehatse, vaho
halisa amy ze hene fitoloñan-tsoa, [2] le tsy hañìnje ndra ia’ia, tsy hitrobo, fa ho lèm-po,
hiasy ze hene ondaty. [3] Toe ni-seretse ka tika taolo, nanjehatse, finitake, nondevozen-
kadrao naho fañiriañe, nañavelo an-ka-lo-tserehañe naho fihàñañe, nirihy, vaho
nifankalaiñe. [4] Fe niboake ty fatarihan’ Añahare Mpandrombak’ antika naho
mpikoko ondatio. [5] Le rinomba’e, tsy ty amo sata soa nanoen-tika an-kavañonañeo,
fa i fiferenaiña’ey, am-pandroañe i fisamaham-baoy naho ami’ty fañavaoa’ i
Arofo Masiñey [6] ze nadoba’e aman-tikañe añam’ IESOÀ Norizañe Mpandrombak’
antikañey, [7] le itika nivantañeñe amy hasoa’ey, ro nanoeñe mpandova ty amy
fitamàñe o haveloñe nainai’eo.
[8] Tsara-to zay, aa ty amy tsaraeñe, le noko te isaontsia’o am-patokisañe, soa te
himanea’ o mpiato aman’ Añahareo ty hitomitse, hitoloñe sata soa. Mete zay, toe
mahasoa ze hene ondaty. [9] Fe iholiaro o ontane gegeo, o toñon-droaeo, o ali-vavao,
naho ty sotasota ty amy Hake, ie hatsivokarañe naho hakoahañe. [10] Aitò t’indaty
mampiriaria ie fa nerete’o in-droe ndra in-draike, [11] ampahafohino t’ie mengoke naho
mpandilatse vaho mamà-batañe.

### *Figadoña’e*

[12] Naho hahitriko mb’ama’o mb’eo t’i Artema ndra i Tikiko le milozoha lia
mb’amako e Nikopolia mb’eo, fa sinafiriko ty hitoboke ao te asotry.
[13] Maringata hampionjone’o mb’ eo t’i Zena mpañoke Hake naho i Apolosy soa tsy
eo ty ho paiae’iareo. [14] Hàmake te hizatse sata soa o mpiaman-tikañeo, hañeneke o
raha paiañeo, tsy mone tsy hahavokatse.
[15] Mañontane azo ze hene amako atoa. Salamao ze mikoko antika amy fatokisañey
ao. Hasoa ama’ areo iaby.

---

† **2:14** Jn I 3:4, Mat 1:21, Top 3:19, 3:26, 26:18, Rom 6:1-22, Efe 2:1-10, Jn I 3:8, Tit 3:5 ‡ **2:14** Mat 16:27

# Filemona

1 I Paoly, mpirohi’ Iesoà Norizañey, naho i Timoty rahalahintika: Ho a i Filemona
rañetse naho mpifanehake ama’ay, 2 naho i Apiae rahavaventika, naho i Arkipo lahin-
defon-tika, vaho i Fivory añ’ anjomba’oy: 3 Hasoa naho fañanintsiñe ama’areo boak’
aman’ Añahare Raentika naho i Talè Iesoà Norizañey.

### *Fañandriañañe naho Filolofañe*

4 Mañandriañe an’Andrianañahare nainai’e naho manoñoñe azo amo filolofakoo—
5 amy te tsinanoko ty fatokisa’o amy Talè Iesoà naho ty fikokoa’o o noro’e iabio
— 6 soa te hamokatse ho ami’ ty faharendrehañe ze hasoa ama’o amy Norizañey
ty fitaroña’o am-patokisañe. 7 Toe mahafale naho mañohò ahy ty fikokoa’o, amy
nampanintsiñe’o ty arofo’ o noro’eoy, ry rahalahy.

### *Ty Halalie’e i Onesimosy*

8 Ie amy zao, ndra hoe mirearea amy Norizañey raho handily azo hanao ze
mañeva, 9 fe o fikokoañeo ty ihalaliako, zaho Paoly migain-kantetse naho mpirohi’
Iesoà Norizañey henaneo, 10 ie idrakadrakafako i Onesimosy anako nampiareñeko,
zaho an-tsilisily, 11 ie tsy nahasoa azo te taolo, fa mahasoa azo naho ahy henaneo.
12 Ahitriko mb’eo am-bata’e re, ty troko ‘nio, 13 ie ho nitanako atoa hitoroñe ahy ty
ama’o amo rohy toañe ty amy talili-soay, 14 f’ie tsy ho nanao inoñ’ inoñe naho tsy
niera ama’o hey soa tsy ho nazitse ty hasoa ho nanoe’o an-tsatri’o. 15 Va’e zay ty
nifampirià’e ama’o betebeteke handrambesa’o aze indraike ho pak’ añ’afeafe’e añe,
16 tsy ho ondevo ka, fa lombolombo’ ty ondevo, toe rahalahy ìsoke, mentsake amako,
fa somandrake ama’o an-tsandriñe naho amy Talè ao.

### *Ty Fampitama’i Paoly i Filemona*

17 Aa naho atao’o rañe’o raho, le ampihovao re manahake te zaho. 18 Fe naho eo ty
nandilara’e azo ndra anaña’o songo ndra fire-fire, le ampisongò amako. 19 Zaho Paoly
ty manoratse toy an-tañako. Zaho ty hañavake—tsy hataoko ty hoe te nisongoe’o
amako ty fiai’o. 20 Eka, ry rahalahy, hasoao raho amy Talè ao; ampanintsiño amy
Norizañey ty troko. 21 Ihe atokisako te hiantoke, ty anokirako, amy te apotako te ho
likoare’o i asakoy.
22 Tovo’e, añalankaño trañon’ ambahiny hitobohako, fa o halali’ areoo ty itamako
te hatolots’ ama’areo. 23 Mañontane azo t’i Epafra, mpindre-pirohy amako am’ Iesoà
Norizañey, 24 naho i Marka, i Aristarko, i Demasy, i Lioke, mpifanehake amako.
25 Ty hasoa’ i Talè Iesoà Norizañey amo arofo’ areoo. Amena.

# Hebreo

*Ty Fandikoara' i Norizañey o Mpitokio*

1 Haehae zay, nitsara beteke naho an-tsata maro amo roaentikañeo añamo
mpitokio t'i Andrianañahare, 2 le an-tsa honka'e zao ro nisaontsie'e aman-tika añamy
Ana'ey, i tinendre'e handova ze he'ey, ie ty nanoa'e ty voatse toy*; 3 Ie ty fireandrea' i
enge'ey naho ty vinta-to' i fañòva'ey, mpanohañe ze he'e ami'ty haozara' o tsara'eo,
ie nañefetse o hakeon-tikañeo amy fañòva'ey vaho miambesatse am-pitàn-kavana†'
i Andindimoneñe andikerañ' añey.

*Milikoatse o Irakeo i Anakey*

4 Ie nampilikoareñe an-tiotio' o anjelio, le nampandovaeñe tahinañe ra'elahy te
am' iareo. 5 Fa ia amo anjelio ty nisaontsia'e ndra mb'ia mb'ia ty hoe:
Anako rehe;
anindroany ty nisamahako Azo‡
naho ty hoe:
Ho Rae'e raho, le ho Anako re§?
6 Ie ninday ty tañoloñolòña'e ami'ty voatse toy, le hoe ty natovo'e:
Ee te hene hitalaho ama'e
o anjelin' Añahareo.*
7 Hoe re ty amo anjelio:
Anoe'e tioke o anjeli'eo, vaho lelan' afo o mpitoro'eo.†
8 Fe hoe re amy Anakey:
Nainai'e donia ry Andrianañahare ty fiambesa'o;
Naho kobain-kavantañañe
ty kobaim-pifehea'o.
9 Fa nikokoa'o ty havantañañe
naho nalaiñe ty tsy fañambenan-Kake;
Aa le norizen' Añahare,
Andrianañahare'o rehe
an-tavon-kaehake ambone' o rañe'oo,‡
10 naho :
Ihe ry TALÈ, tam-pifotorañe añe ro nañoreñe o mananta' ty tane toio naho satam-pità'o o likerañeo.
11 Ho momoke iereo, fe nainai'e eo rehe;
fonga hihamodo hoe saroñe iereo;
12 le hambañe ami'ty sarimbo
ty hañoronkoroña'o iareo,
eka, hoe sikiñe ty handimbezañe iareo.
F'ihe tsy mihotike,
naho tsy higadoñe o tao'oo.§
13 Le ia amo anjelio ndra mb'ia mb'ia ty nanoa'e ty hoe:
Mitoboha an-tañan-kavanako etoa
ampara' te anoeko fitongoàm-pandia'oo rafelahi'oo.*?
14 Aa vaho tsy songa arofo mitoroñe hao iereo, nahitrike hitoroñe o handova
fandrombahañeo?

* **1:2** Jao 1:3 † **1:3** Sab 110:1 ‡ **1:5** Sab 2:7 § **1:5** Sa II 7:14; Oni Ko II: 17:13 * **1:6** Sab 97:7 † **1:7** Sab 104:4 ‡ **1:9** Sab 45: 6,7 § **1:12** Sab 102: 25-27 * **1:13** Sab 110: 1

# 2

### *Hatahata Valoha'e: Mitaoa*

1 Ie amy zay, tsy mahay tsy tomiren-tika am-pininihañe o jinanjin-tikañeo, tsy mone
handifike. 2 Aa kanao niventeñe te soa oreñe i tsara nisaontsie' anjeliy, naho fonga
nandilovañe ami'ty evae'e o fiolàñe naho fanjeharañeo, 3 le aia ty hipolitiran-tika
naho amoean-tikañe i rombake jabajaba zay? ie tam-pifotora'e añe ty namotora' i
TALÈ fitaroñe, naho niventè' o nahajanjiñeo; 4 mbore nitaroñen' Añahare am-biloñe
naho halatsàñe naho sata tsitantane ankafankafa, vaho amo falalàn' Arofo Masiñeo
an-satri'ey.

### *Onjoneñe am-Pirekeañe**

5 Tsy o anjelio ty nampiambaneañe i voatse ho avy isaontsian-tikañey 6 fa teo ty
nitsaraeñe ty hoe:
Ino ondatio, te ahoa'o, naho ty ana' ondaty te tilihe'o?
7 Nanoe'o ambanevanen'Añahare† heike, mbore sinabaka'o engeñe naho hasiñe
naho tinendre'o ambone' o satam-pità'oo,
8 vaho nampivohore'o
ambanem-pandia'e eo ze he'e.‡
Aa kanao kila nampiambaneañe ama'e, le tsy ao ty napo'e tsy hivohotse ama'e. F'ie
henanekeo mbe tsy onin-tika te hene nampiambaneañe. 9 Fe fohin-tikañe i nanoeñe
ambanevane' o anjelio heikey, toe IESOÀ, ie nalovilovin-kavilasy ro sinabakan' engeñe
naho hasiñe, soa t'ie ami'ty fatarihan' Añahare ro hitsope-kavilasy ho a ze he'e.
10 Amy t'ie nañeva, le nanoañe ze he'e, naho toe ie ty talim-pisia' ze haliforañe,
ie minday anake maro mb'an-drenge, ro nifonireñe an-kaloviloviañe ho Talèm-
pandrombahañe iareo. 11 Aa kanao songa boak' amy Raikey i mpañamasiñey naho
o nefera'eo, le tsy manalatse aze te anoa'e longo, 12 ami'ty hoe
Ho taroñeko amo rolongokoo
ty tahina'o§;
ho bangoeko añivo' o fivorio.*
13 tovo'e: Hatokisako re.
vaho indraike: Intoy raho, naho o amory natolon' Añahare ahikoo.†
14 Aa kanao itraofa' o anakeo ty nofotse aman-dio, le rinambe'e ty hifanahake am'
iereo, handrotsake amy havilasi'ey i mpanandily amy havilasiy—toe i mpañìnjey;
15 vaho ho haha'e ze nondevoze' ty fihembañañe amo havilasio amo hene andro
niveloma'eo. 16 Toe tsy nandrambe anjely, fa o tarira' i Abraàmeo ty nandrambesa'e‡.
17 Aa le tsy mete tsy nihambañeñe amo longo'eo amy ze he'e re, soa te ho mpisorom-
bey miferenaiñe naho migahiñe aman' Añahare, hañefetse o tahi' ondatioo. 18 Aa
kanao nitsoheñe an-kalovilovian-dre le lefe'e ty mañìmba o tsoheñeo.

# 3

### *Mpitoroñe t'i Mosè, Anake t'IESOÀ*

1 Ie amy zao ry longo noro'e, mpitraok' amy fikoihan-dindìñeio, haraharao t'IESOÀ,
Sorotà naho Mpisorom-Bey itaroñan-tikañey, 2 i nigahiñe amy nanendreañ' azey
hambañe amy figahiña' i Mosè amy hene anjomba'eiy*. 3 F'ie vinolily hañeva
àsiñe ambone' i Mosè, hambañe ami'ty anaña' ty mpandranjy traño àsiñe ambone'
i trañoy. 4 Songa manañe ty mpandrafi'e ze anjomba, fa i Andriananañahare ty
Mpamboatse ze he'e. 5 Toe nigahiñe amy hene anjomba'ey t'i Mosè, ie nimpitoroñe

* **2:4** Sab 8:1-9 † **2:7** Sab 8:5 Gr: ambane' o anjelio ‡ **2:8** Sab 8:4-6 § **2:12** Oni: Sab 45:17, Jao 17:6,26
* **2:12** Sab 22.22 † **2:13** Ies 8.17,18 ‡ **2:16** Ies 41:8-9 * **3:2** Vol 12:7

nitaroñe o mbe ho tsaraeñeo. 6 Fa Anake mifehe’ i Anjomba’ey i Norizañey; itikañe
o añanjomba’eo naho tambozoren-tika ty fahasibehañe naho fatokisañe osihe’ i
fitamañey,

### *Hatahata ami’ty Tsy Fatokisañe*

7 ie anoe’ i Arofo Masiñey ty hoe:
Anito, naho janji’ areo i fiarañanaña’ey,
8 ko mampientetse arofo
manahake tamy fanigihañe
añ’andro fitsohañe an-dratraratra añey,
9 ie nisombean-droae’ areoy, naho
namente vaho nahaisake o fitoloñako efa-polo taoñeo.
10 Zay ty nibosehako ami’ty tariratse toy, le hoe raho,
Mandifik’ añ’arofo ao nainai’e iereo, mbore tsy fohi’ iareo o lalakoo,
11 Aa le nifantàko an-keloke t’ie
tsy himoak’ amy fitofàkoy.†
12 Mitaoa ry longo, he te ho zoeñe ama’areo ty troke miola, mifañito aman’ Añahare
veloñe. 13 Aa le mifañosiha boak’ andro, ampara’ i atao ty hoe Anitoy, tsy mone ama’
areo ty hampientere’ ty famañahian-kakeo. 14 Fa mpitrao-dova amy Norizañey tika
naho vontitireñe i fifotoram-patokisañey ampara’ i hahenefañey, 15 amy ho tsaraeñe
ty hoe:
Anito, naho janji’ areo i fiarañanaña’ey
ko mampientents’ arofo
manahake tamy fanigihañey.‡
16 Ty ila’e nahajanjiñe ro niola, fa tsy ze hene nampiavote’ Mose amy Egipte. 17 Aa
ia ty niviñera’e efa-polo taoñe? Tsy o nandilatseo hao? ie nihotrak’ an-dratraratra
añe o lolo’ iareoo. 18 Ia ka ty nifantà’e te tsy himoak’ amy fitofà’ey ao? toe o tsy
niantokeo? 19 Aa le onin-tika te i tsy fatokisañey ty tsy niziliha’ iareo.

## 4

### *Fitofañe ho a Ondatin’Añahareo*

1 Antao arè hañeveñe, hera ho zoeñ’ ama’ iaia ama’areo, t’ie nilesa amy
fampitamañe mbe añey: ty fizilihañe amy fitofà’ey ao. 2 Toe nitaroñeñe aman-tika
manahake te tam’ iereo i talili-soay; fe tsy nahasoa iareo i tsara nitaroñeñey, amy
t’ie tsy natrao’ o nijanjiñeo fatokisañe. 3 Itika miantokeo ro mizilik’ amy fitofàñey,
(ty amy tsinara’e ty hoe,
Ie nifantàko an-kabosehañe
t’ie tsy himoak’ amy fitofakoy ao.*)
ndra te nifanehafeñe boak’ am-pifotora’ ty voatse toy o fitoloñañeo†. 4 Fa eo ty
tsaraeñe ty amy faha-fitoy ty hoe:
Nitroatse amo hene fitoloña’eo, ami’ty andro faha-fito
t’i Andrianañahare.‡
5 Le tinovo’e ty hoe:
Tsy himoak’ amy fitofàkoy iereo.§
6 Aa kanao mbe hizilike ao ty ila’e, naho nilesa ka tsy nizilik’ ao ty amy
fanjeharañey o nitaroñeñe valoha’eo, 7 le nañoriza’e andro indraike atao Anito amy
nampisaontsie’e i Davide haehae atoiy amy tsara’ey ty hoe:
Anito, naho janji’areo ty fiarañanaña’e

† 3:11 Sab 95: 7-11 ‡ 3:15 Sab 95: 7,8 * 4:3 Sab 95:11 † 4:3 Jao 5:17 ‡ 4:4 Fot 2:2 § 4:5 Sab 95:11

ko mampientetse arofo.*
8 Aa naho nitolora’ i Josoa fitofàñe, tsy ho nitalilie’e andro ila’e afara. 9 Inao,
toe mbe eo ho a ondatin’ Añahareo ty fañambenañe SABOTSE †; 10 amy te mitofa
amo fitoloña’eo ty mizilik’ amy SABOTSE’ey, hambañe aman’ Añahare amy azey‡.
11 Antao arè himane fizilik’ amy fitofàñey, tsy mone hikapotrake am-pitsikombeañe
i fanjeharañey.
12 Toe veloñe naho mahatafetetse o tsaran’ Añahareo, masioñe te amy ze fibara
sambelela’e, mitrofake pak’ ami’ty fifamitraña’ ty fañova ami’ty arofo, naho o fangeo
amo betro’eo; naho mahatsikarake o fivetsevetse naho safirin’ arofoo, 13 vaho tsy eo
ty namboareñe ze mietake ama’e; fa kila miborake naho mivendratse am-pihaino’ i
hamolily an-tikañey.

### *i Mpisorom-bey Ra’elahiy*

14 Aa kanao amam-Pisorom-bey nahafiranga o likerañeo tika, toe IESOÀ Anan’
Añahare, le antao hifahatse ami’ty iantofan-tikañe. 15 Amy t’ie tsy amam-Pisorombey
tsy mahay milèñ’ arofo amo halemèn-tikañeo, ie nizizieñe amy ze he’e manahak’
itika, fe tsy aman-tahiñe. 16 Antao arè hahasibeke hitotoke mb’amy fiambesan-kasoay,
hiferenaiñañe, naho hitretrezañe an-tsan-kasotriañe.

## 5

1 Toe tinendre hitoloñe ty am’ondatio, amo raha mioza aman’ Añahareo, ze hene
mpisorom-bey rinambe am’ ondatio, hibanabana naho hisoroñe, hañefetse hakeo.
2 Maha-fitretrè o tsy mahilalao naho o mandrìkeo re, amy t’ie arisehoan-kaosañe ka.
3 Zay ty isoroña’e ty amo hakeo’ ondatio, naho o azeo ka. 4 Le tsy ia ty mandrambe
i engeñey am-bata’e, fe rambese’ ze kanjien’ Añahare, manahak’ i Arone. 5 Toe tsy
nisenge ho mpisorom-bey ka i Norizañey, fe teo t’ie nanoeñe ty hoe:
Anako rehe, Anindroany
ty nisamahako azo.*
6 mbore teo ty nanovoña’e ty hoe:
Mpisoroñe nainai’e rehe ami’ty famosora’ i Melkizedeke.†
7 Ie tañ’ andro ama’ nofotse aze, le nibanabana halaly naho hatak’ an-toreo
miharo ranom-pihaino amy mahahah’ aze an-kavilasiy, vaho jinanjin-dre ty amy
fiambanea’ey. 8 Aa ndra t’ie Anake, niohe’ i halovilovia’ey te hivohotse. 9 Le ie
nifonireñe ro nanoeñe lohàm-pandrombahañe tsy modo ho amo mivohotse ama’eo‡
10 naho kinanjin’ Añahare ho Mpisorom-bey am-pamosora’ i Melkizedeke.

### *Fañosihañe Hioke amy Arofoy*

11 Mbe maro ty ho tsaraeñe ty ama’e, f’ie ho saro-pampidodeañe ty amy hakarèña’
areo. 12 Tsy ho ni-mpañoke hao nahareo henaneo? te mone mipay haòke amo
manantam-petsen’ Añahareo indraike, vaho mipay ronono fa tsy mahakama vente’e,
13 toe tsy zatse o tsaran-kavantañañeo ze veloñe an-dronono, fa mbe anak-ajaja; 14 toe
ho a o matoeo ty mahakama vente’e, ie fa niòke am-pitoloñañe haha-fañavake ty soa
ami’ty raty.

## 6

1 Aa le apòn-tikañe o fañòheñe i Norizañey fototseo vaho hitoañe mb’ami’ty
haañonañe*, tsy haoreñe indraike i manantam-pisolohoañe amo sata mateo, naho

* 4:7 Sab 95: 7,8 † 4:9 GRIKA: SABATTISMOS: FAÑambenañe SABATA ‡ 4:10 Pe II 3:8 * 5:5 Sab 2:7 † 5:6
Sab 110:4,17,21 ‡ 5:9 Jao 3:36, 14:14,23, 15:10, Top 3:22-23 * 6:1 Mat 5:48

ty fatokisañe aman' Añahare, 2 naho ty fañòheñe i filiporañey, i fanampezam-
pitàñey, i fivañonan-ko veloñey, vaho i zaka tsy modoy. 3 Le ie ty hanoen-tika
naho sitran' Añahare. 4 Aa naho nihazavaeñe, fa nitsopeke i falalàn-dikerañey,
fa nanoen-ko mpitraok' amy Arofo Masiñey, 5 nikama amy saontsin' Añahare soay
naho amo haozara' i sa ho aviio, 6 f'ie midisa-voly: le tsy ho lefe'e ty himpoly
hisoloho, ie nampipeke ho am-bata'e indraike i Anan' Añaharey, hamoraborak' aze
ho salareñe†. 7 Toe tahien' Añahare i tane isiha' i orañe mifiafia betek' ama'ey hitiria'
ty àñañe mañasoa o nañalahalàñe azeoy. 8 F'ie mamoa fatike naho hisatse‡, le tsy
jefa'e, antitotse hafatse, hagadon-ko forototoeñe. 9 Aa ndra te taroñeñe, ry rañetse,
iantofa'ay raha soa te amy zay, toe raha minday fandrombahañe. 10 Tsy atao tsy
to t'i Andrianañahare handikofa'e o fitoloña' areo aman-koko amy tahina'eio, ie
miatrake o noro'eo naho toe mbe mañolotse. 11 Le salalae'ay t'ie songa anjoañe
fahimbañañe hoe zay, pak' amy nitilifireñey hañenefañe i fitamàñey, 12 aa soa re
te tsy mihenekeneke, fa mitsikombe o mpandova' o fitamàñeo am-patokisañe naho
am-pahaliñisañe.

### *To o Fampitaman'Añahareo*

13 Amy t'ie nampitamaen' Añahare t'i Abraàme, naho tsy teo ty ambone'e
hitangea'e, le nifanta amy fañova'ey§, 14 ty hoe:

Toe fitahiañe, ty hitahiako azo
naho fangitsikitsihañe
ty hampanaranàhako azo.*

15 Aa ie nitamà am-pahaliñisañe, ro nahazo i nampitamaeñey. 16 Toe mititik' aman-
joke ondatio, le am-panta hamenteañe aze, soa t'ie higadoñe tsy am-pandierañe.
17 Izay ka t'i Andrianañahare, ie te hampalange amo mpandova' i nampitamañeio
te tsy miova i nisafiria'ey, le nivente'e am-panta, 18 soa te ami'ty raha roe tsy
mihotike—ie tsy mahay mandañitse t'i Andrianañahare, le mahazo fañosihañe
fatratse tika nibotatsake mb'am-pipalirañe ao hivontititse amy fitamàñe nitaroñeñe
aman-tikañey 19 ie miòreñe naho fatratse hoe vato-fantsike añ' arofon-tikañ' ao, naho
mimoake an-kalo' i tsingarakarakeiy, 20 i niziliha' IESOÀ fiaolon-tikañey, ie nanoeñe
Mpisorom-bey nainai'e amy famosora' i Melkizedekey†.

# 7

### *I Melkizedeke Mpisoroñe*

1 I Melkizedeke 'nio, nimpanjaka' i Salema, mpisoron' Añahare Andindimoneñey,
ie ty nifanalaka amy Abraàme nimpoly amy nandrebaha'e i mpanjaka rey naho
nitata'e*, 2 le nitolora' i Abraàme ty fahafolo' ze he'ey—ie atao Mpanjakan-
kavantañañe hey, ty amy dika i tahina'ey, vaho Mpanjaka' i Salema ndra Mpanjakam-
panintsiñañe; 3 ie tsy aman-drae, tsy aman-drene, tsy aman-toñon-droae, tsy aman'
androm-pifotora'e, tsy amam-pitamperan-kaveloñe, fe nampanahafeñe amy Anan'
Añaharey, mitoetse ho mpisoroñe nainai'e tsy modo.
4 Haraharao heike ty hara' elahi' indatiy kanao nitolora' i Abraàme raentika ty
faha-folo' o kinopa'eo. 5 Le toe lilie' i Hake o tarira' i Levy norizan-ko mpisoroñeo
ty hanontoñe am'ondatio, toe amo longo'eo, i faha-foloy, ie boak' am-pisafoa' i
Abraàme. 6 Le i tsy toñoneñe aman-droae' iareoy ty nandrambe ty faha-folo amy
Abraàme vaho nitata i nampitamàñey. 7 Tsy kalafo te mitata zay ty zoke. 8 Naho atoy
re le rambese' ondaty mbe hihomakeo i faha-foloy, fe i añey ro taroñeñe te veloñe.

---

† 6:6 Heb 10:26-31 ‡ 6:8 Fot 3:18 § 6:13 Fot 22:16 * 6:14 Fot 22.17 † 6:20 Sab 110:4 * 7:1 FFt
14:17-20

9 Aa ie tsaraeñey, i Levy mpandrambe i fahafoloy, ro nandoa ty faha-folo añamy
Abraàme, 10 amy t'ie tampisafoan-droae'e ao te nifanalaka amy Melkizedeke.

*Mpisoroñe manahake i Melkizedeke*

11 Aa naho nahafonitse ty fisoroña' i Levy (toe ama'e ty nandrambesa' ondatio
Hake) le inoñe amy zao ty ipaiañe mpisoroñe hitroatse amy famosora' i Melkizedekey,
fa tsy amy famosora' i Aroney? 12 Aa kanao vaoeñe i famosorañey, tsy mahay tsy
vaoeñe ka t'i Hake. 13 Amy te foko hafa i tsaraeñey, le tsy ama'e ty nitoron-kitrely.
14 Toe fohiñe te tarira' i Joda i Talèn-tika, fe tsy nisaontsie' i Mosè fisoroñañe t'i Joda,
15 miha-malange te mpisoroñe manahak' i Melkizedeke ty nitroatse, 16 ie tsy nanoeñe
am-pepè' i Hake ty am-panoñonan-drae, fa an-kaozaran-kaveloñe tsy modo. 17 Ty
hoe ty nitaroñe'e:
Mpisoroñe nainai'e rehe
Amy famosora' i Melkizedekey†.
18 Toe miha-modo i fepetse taoloy ami'ty hamavazoa'e naho ty tsy fahalefea'e,
19 (amy te tsy eo ty nahatafetera' i Hake), fe nipoteake ty fitamàn-tsoa, hitotofan-
tika aman' Añahare; 20 mbore nanoeñe am-panta, 21 (toe tsy fanoeñ' am-panta o
mpisoroñeo, f'itoy ro am-panta, ie nanoeñe ty hoe:
Toe nifanta t'Iehovà vaho tsy hihotike:
Mpisoroñe nainai'e rehe.‡)
22 Antsake t'ie ho fañina soa, amy te mitsoak' aze t'Iesoa.
23 Maro i mpisoroñe rezay, ie tsy mijadoñe am-pitoloña'e fa agadon-kavilasy. 24 Fa
itìañe ka, kanao mitoloñe nainai'e, ro am-pisoroñañe tsy ifandimbezañe. 25 Zay ty
talim-pahahenefa'e rombake do'e o mitotok' aman' Añahare añama'eo, ie veloñe
nainai'e hihalaly ho a iareo. 26 Mañeva an-tika i Mpisorombey zay: ie masiñe, tsy
aman-tahiñe, tsy aman-kila, miavak' amo aman-kakeoo, vaho nonjoneñe ambone' o
likerañeo. 27 Ie tsy mipay boak' andro, manahake o mpisoroñe taoloo, ty hañenga
soroñe ho amo tahi'eo hey vaho ho amo hakeo' ondatio§. Fa nanoe'e indraik' avao ie
nañenga i fañòva'ey. 28 Oriza' i Hake t'indaty aman-kila ho mpisorom-bey; fe i tsara
am-panta sinokitse tafara' i Hake ty nañorizañe i Anake nifonireñe ho nainai'ey.

# 8

*Mpañalañalañe ami'ty Fañina Soa*

1 Aa ty amy nitaroñeñe rezay: Inao ty tali'e: Aman-tika i Mpisorom-bey zay,
i nampiambesareñe an-kavanam-piambesa' i Andindimoneñe andikerañe añey,
2 mitoroñe amy efetse masiñey naho ami'ty kivoho to naore' i Talè fa tsy ondaty.
3 Toe songa tinendre hañenga banabana naho soroñe o mpisorom-beio; aa le tsy
mahay tsy amam-pañenga ka itoy. 4 Mbore, ie tan-tane atoy, tsy ho nimpisoroñe,
amy te mbe eo ty mpisoroñe maro mañenga banabana ty amy Hàke, 5 mitsikombe
naho manalinjo o andindìñeo; toe nihatahataeñe t'i Mosè, ie ho nañoreñe i kivohoy,
ami'ty hoe:
Inao, hoe re, te hene ampanahafe'o amy sare natoro azo am-bohitsey.*
6 Fe nahazo fitoroñañe fanjàka te amy zay re henaneo amy te ie ty mpañalañalam-
pañina soa†, mifototse am-pitamàñe soa te ama'e. 7 Aa naho tsy nanan-kila i fañina
valoha'ey, le tsy nipaiaeñe ty faharoe. 8 Fa ninjè'e ami'ty hoe:
Inao, ho tondroke ty andro, hoe t'Iehovà,
te hilaharako fañina vao
amy anjomba' Israeley

† 7:17 Sab 110:4 ‡ 7:21 Sab 110:4 § 7:27 Boak' Andro: toe Yom Kipore, 10 Sa'tse. * 8:5 Avo 25:40 † 8:6
Heb 9:15, 12:24 (in telo ato)

naho amy anjomba' i Joday—
[9] tsy manahake i fañina nanoeko
aman-droae' iareo
amy andro nitanatanàko
vaho niaolòako iareo
niakatse an-tane Mitsraimeiy;
amy t'ie tsy nahatañe i fañinakoy,
le niambohoako, hoe t'IEHOVÀ.
[10] Zao ka ty fañina horizako
ami'ty anjomba' Israele,
naho fa añe i andro rey,
hoe t'IEHOVÀ.
Hajoko an-tro' iareo ao i Hà-koy
naho ho sokireko añ'arofo' iareo ao:
le ho Andrianañahare' iareo raho,
vaho h'ondatiko iereo.
[11] Le tsy songa hifañoke o mpitrao-pimoneñeo, naho tsy sindre hanao aman-drahalahi'e,
ty hoe: Mahafohìna IEHOVÀ,
amy te fonga hahafohiñe ahy,
ty kede pak' an-joke'e.
[12] Fa ho ferenaiñako ty hatsivokara'iareo,
vaho tsy ho tiahiko ka o tahi' iareoo.‡
[13] Ie nanao ty hoe: Vaoeñe, le fa nampiantere'e i taoloy, le fa himosaoñe o raha
mihamodo naho miha-antetseo.

# 9

*Fitalahoañe amy Kija' ty Tane toiy*

[1] Toe amam-pañèm-pitalahoañe miavake i fañina taoloy, naho toetse miavake
an-tane atoy. [2] Nihajarieñe ty kibohotse, amy valoha'ey ao i mpitàm-pailoy naho
i talatalay, vaho i fampiatrefañe mofoy; ie i efetse miavakey. [3] An-kalo' i lamba
fañefetse faharoey ty kivoho atao : i Masiñe do'ey, [4] ama'e ao i fañembohañe
volamenay naho i vatam-pañina nohoñem-bolamena ami'ty lafe'e iabiy, tama'e ao i
korojy volamena nañajàñe maney, naho i kobai' i Arone nibotibotiy, vaho i takelam-
pañina rey; [5] nitongoa ama'e eo i kerobe aman-engeñe rey nañaloke i kapem-
pañeferañey, fe tsy sindre habeja'ay i tsaraeñey.
[6] Ie nihajarieñe hoe zay i raha rey, le mimoake boak' andro amy efetse valoha'ey
o mpisoroñeo mitoloñe amy fitalahoañey. [7] Fe amy faha-roey, le indraike boa-taoñe
ty iziliha' ty mpisorom-bey avao, naho tsy mahay tsy minday lio ho banabanaeñe
ty amo tahi'eo vaho ty amo hakeo' ondatio*. [8] Abeja' i Arofo-Masiñey te mbe tsy
misokake ty homb' amy toetse masiñey ao naho mbe mijadoñe i kibohotse valoha'ey.
[9] (Fañòharañe ami'ty henaneo izay,) ama'e ty banabanaeñe o enga naho soroñe tsy
mahaheneke ty mpitalaho am-pitsakorea'e ao, [10] amy t'ie mahakama naho finomeñe
vaho fisasàñe avao—fañè amo nofotseo, najadoñe ampara' ty sa fañavaoañe.
[11] Aa ie totsake eo i Norizañey, mpisorom-bei' o raha fanjàka ho avio, aman-kivoho
soa naho fonitse te amy teoy, ie tsy nanoem-pitàñe, vaho tsy ami'ty voatse toy, [12] le tsy
ami'ty lion'ose ndra temboay fa amy lio'ey ty niziliha'e amy toetse masiñey indraike
nahafonitse, ie fa ama'e ty fañahàñe tsy modo. [13] Aa naho ty lio' o oseo naho o baniao
vaho ty lavenon-kiloa nafitse amo maleotseo ro mañefetse ho ami'ty fañaliovañe o

‡ **8:12** Irm 31:31-34, Oni: Heb 10:16-17 * **9:7** Vol 15:15-28

nofotseo, 14 sandrake ty lio’ i Norizañey añamy Arofo tsy modoy, ie nengae’e tsy
aman-kila aman’ Añahare i fañòva’ey, ro hahalio ty arofo’ areo amo sata-mateo,
hitoroñe an’ Andrianañahare veloñe.
15 Zay ty maha mpañalañala’ i fañina vaoy aze, handrambesa’ o kinanjio i lova
nainai’e nampitamañey—ty amy fañorihan-dio mijebañe iareo amo fandilarañe
ambane’ i fañina valoha’ey. 16 Fa amo fañinao, tsy mete tsy henefañe te mate i raha
mamente i fañinay. 17 Toe agado’ i raha linentay i fañinay, Amy t’ie tsy mijadoñe naho
tsy fa mate heike i raha mamente azey. 18 Toe tsy niventèñe ka i fañina valoha’ey
naho tsy an-dio. 19 Aa ie nitaròñe’ i Mosè am’ondaty iabio ze hene fañè’ i Hake, le
rinambe’e ty lion-temboay naho ose miharo rano naho hasiñe mena naho seva vaho
nafitse’e amy bokey vaho am’ondaty iabio, 20 ami’ty hoe:
Intoy ty liom-pañina
linilin’ Añahare ama’ areo.†
21 Mbore nafitse’e amy kivohoy naho amy ze hene voròvom-pitalahoañe i lioy.
22 Aa naho amy Hake, didý tsy fonga eferan-dio, vaho tsy eo ty fañahàn-kakeo naho
tsy ampiorihan-dio.

*Ty lio’ i Norizañey*

23 Aa le tsy mahay tsy neferañe amy rezay o saren-drahan-dikerañeo, fe nanao
soroñe ambone’ izay o raha an-dikerañeo. 24 Tsy nizilik’ an-toetse masiñe
namboarem-pitàñe i Norizañey, (i nitsikombe i toe iey) fa an-dikerañe ao, hiatrefa’e
aman’ Añahare henaneo ho an-tika. 25 Ie ka tsy hitolom-pañenga i fañòva’ey
(manahake ty fimoaham-pisorombey boa-taoñe reketse ty lio tsy aze); 26 Naho tsy
zay, tsy mete tsy nitolom-pilofeke re boak’ ami’ty fañamboareñe ty voatse toy. F’ie
henaneo an-tsàn-konka’e toy te niboake indraik’ avao hañefetse o tahiñeo amy
nisoroña’ey i fañòva’ey. 27 Fa manahake te linahatse ho a ondatio ty hivetrake
indraik’ avao, vaho i zakay, 28 zay ka i Norizañey, ie nisoroñañe indraik’ avao
hivave ty hakeo’ i màroy‡ ro mbe hitotsake fañindroe’e, tsy ty amo hakeoo, fa ty
handrombake o mitamà azeo.

# 10

*Ty Fisoroña’e Indraike avao*

1 Amy Hake ao ty fanalinjoañe o raha fanjàka ho avio, fe tsy ty vintan-to’ o rahao, ie
le lia’e tsy fonireñe an-tsoroñe engaeñe boa-tao-boa-taoñe o mitotoke mb’eoo. 2 Naho
tsy zay, tsy ho nijihetse hao o fisoroñañeo? amy te tsy ho nioveovèn-tahiñe ka o
fa neferañeo. 3 Fe amy fisoroñañey ty faniahian-kakeo boa-taoñe, 4 fa tsy ‘mbia
mahahaha hakeo ty lio’ o baniao naho o mpirai-liao. 5 Aa le hoe re te mizilik’ an-tane
atoy:
Tsy nipay soroñe naho enga rehe,
fa sandriñe ty añajaria’o ho ahiko;
6 Tsy nirei’o tave o enga noroañeo
naho o soron-kakeoo.
7 Le hoe raho:
Intoy raho, ry Andrianañahare,
nimb’etoan-draho hanao ty satri’o,
fa amy boke-pelekey ty nanokirañe ahy.*
8 Ie nanao ty hoe heike: Tsy paia’o o soroñeo naho o banabanao naho o enga
oroañeo vaho o engan-kakeoo, toe tsy rei’o tave (ze engaeñe ty amy Hàke)† 9 le
tinovo’e ty hoe: Intoy! nimb’ etoan-dRaho hanao ty satri’o‡. Nasita’e i valoha’ey

† 9:20 Avo 24.8 ‡ 9:28 Ies 53:12 * 10:7 Sab 40,6-8 † 10:8 Sab 40:6 ‡ 10:9 Sab 40:8

hampijadoña'e i faharoey; [10] ie an-tsatri'e ty nañefetse antika amy nañengàñe indraike mahaheneke ty fañòva' IESOÀ Norizañey.

[11] Mijohañe eo mitoroñe boak' andro ze hene mpisoroñe mitolom-pañenga i soroñey avao, ze tsimbia mahahaha hakeo. [12] Fa ie ka, naho fa nañenga soroñe raike, le nahaheneke efe-tahiñe ho nainai'e donia, niambesatse am-pitàn-kavanan' Añahare eo, [13] mandiñe, ampara' te hanoeñe fitongoà-pandia'e o rafelahi'eo§. [14] Fa i banabana raikey ty namonira'e ho nainai'e tsy modo o nefera'eo. [15] Taroñe' i Arofo-Masiñey aman-tika ka ty hoe:

[16] Intoy ty fañina hanoeko am' iereo
naho modo i andro rezay, hoe t'i TALÈ;
Hajoko añ'arofo' iareo ao i Ha-koy
naho ho sokireko
am-pivetsevetse' iareo ao,
[17] vaho tsy ho tiahiko ka
o hakeo naho tahi' iareoo.*

[18] Ie nafahañe o fandilarañeo, le tsy paiañe ka ty engan-kakeo.

*Fikanjiañe Hivontitise*

[19] Ie amy zao, ry longo, kanao mahasibeke fimoak' amy toetse loho-masiñey tika amy lio' IESOÀy, [20] amy lalañe vao naho veloñe noriza'e ho antikañe misoroke i lamba fañefetsey—toe i fañòva'ey; [21] itika amam-Pisoroñe Bey mpifehe i anjomban' Añaharey, [22] le antao hitotok' aze añ' arofo mazava, lifo-patokisañe mahafiato, naho namitsezañe ty amo vetsevetse ratio o tron-tikañeo vaho nampandroañe an-drano mikanitsoke† o sandrin-tikañeo, [23] antao hilozohan-tika taroñe i fitaman-tikañey, tsy hitroetroe, (amy te migahiñe ty Nampitama). [24] Le antao hifañaoñe naho hifampañosike hikoko vaho hanao sata soa‡, [25] le tsy hapoke o fivorintikañeo, manahake ty fanoe' o ila'eo, fe mifañosiha, àntsake te oni' areo mitotoke i andro zay.

*Hatahata 4 : Hankàñe te Misitake*

[26] Aa naho mitolom-pandilatse avao tika, ie mahafohiñe ty hatò, le tsy eo ka ty isoroñan-kakeo§, [27] te mone fandiñisañe zaka an-karevendreveñañe, naho fisoloborañ' afo mampitomontoñe o rafelahio*. [28] Vonoeñe tsy an-tretrè ty tsy mañaoñe ty Hà' i Mosè ami'ty valolombeloñe telo ndra roe. [29] Lombolombo zay ty fandilovañe mañeva ze mandialia i Anan' Añaharey ambanem-pandia'e, naho manao ty lio' i fañina nañefets' azey ho tsy malio, vaho miteratera i Arofon-kasoay?
[30] Fohin-tikañe i nanao ty hoe:
Ahy o famaleañeo, zaho ty hañavake
le ty hoe:
Hizaka on†dati'eo t'IEHOVÀ.

[31] Maharevendreveñe te mijoñe am-pitàn' Añahare veloñe ao.

[32] Tiahio o andro taoloo, inahareo nihazavaeñe ro nahafeake fihotakotahan-kaloviloviañe, [33] beteke nisambàeñe t'ie nonjirañe naho nampisoañeñe, beteke nireketse amo nanoañe i hoe zaio. [34] Amy te niferenaiña' areo, zaho an-drohy, vaho nahaehak' anahareo te nikopaham-bara, fa nahafohiñe an-troke t'ie amam-bara fanjàka tsy ho modo an-dindiñe ao. [35] Aa le ko farieñe ty fatokisa' areo, fa bey ty tambe ama'e. [36] Imaneo fahaliñisañe, soa t'ie manao o satrin' Añahareo ro handrambe i nampitamaeñey. [37] Amy te
aniany ty hitotsaha'e
le tsy hihenekeneke.

§ **10:13** Sab 110:1 * **10:17** Irm 31:33,34; Oni Heb 8:8-12 † **10:22** Iek 36:25 ‡ **10:24** Mat 16:27 § **10:26** Heb 6:6, 9:7, Vol 15:15-28 * **10:27** Ies 26:11 † **10:30** Its 32.35-36

38 Ho veloñ' am-patokisa'e ty vantañe,
F'ie misitake, le tsy ho no' ty troko.‡
39 Toe tsy mpiamo mitsilofìñe ho rotsaheñeo tika, fa mpiamo mahafiatoo,
hañarovam-piaiñe.

# 11

*O Fatokisañeo*
1 Fatokisañe ty mamente o raha tamaeñeo, ty fampibentarañe o raha tsy oniñeo.
2 Ie ty nahazoa' o taoloo to. 3 Fatokisañe ty ahaoniñan-tika amy Tsinaran' Añaharey,
te tsy nalaha'e amo raha oniñeo o raha miboake amo sào.

*Ty Abela, i Enoke, i Noe*
*(Fot. 4.1-16; 6,6-8.22)*
4 Fatokisañe ty nañengà' i Abela aman' Añahare soroñe soa te amy Kaina, vaho
nitaroñeñe te vantañe, ie nitsaraen' Añahare i banabana'ey, toe misaontsy re ndra
te nihomake. 5 Fatokisañe ty nampionjoneñe i Enoke tsy handia havilasy, ie tsy
nitendreke fa rinamben' Añahare*; ie nitaroñeñe taolo' ty nampionjonañe aze
te nisohen' Añahare. 6 Tsy mahafale Aze t'ie tsy amam-patokisañe. Amy te ze
hañarine aman' Añahare, tsy mete tsy matoky t'ie eo, naho manambe ty mitsoek'
aze. 7 Fatokisañe am-pañeveñañe ty nandranjia' i Noe lakan-katae ty amy hatahatan'
Añaharey o raha mbe tsy rendrekeo, handrombaha'e i hasavereña'ey, ie ty namarañe
ty tane bey toy, naho nampandovañe i havantañam-patokisañey.

*Ty Fatokisa'i Abraàme*
*(Fot 15.1-6;21.1-7;22.1-14; 48.8-16; 50.22-15)*
8 Fatokisañe ty niantofa' i Abraàme, ie kinanjy hienga mb'an-tane ho rambese'e
afara ho lova, vaho nionjoñe mb'eo tsy nahafohiñe ty hombà'e. 9 Fatokisañe ty
nañialoa'e an-tane nampitamaeñey, hoe ambahiny, ie nimoneñe an-kivoho mindre
am' Ietsake naho Iakobe, mpitrao-lova ama'e amy fampitamàñey. 10 Toe i rova reke-
manantañey ty nitamà'e, i rinanjin' Añahare naho tsinene'ey. 11 Fatokisañe ka,
ty nampaozatse i Saràe hiareñe, naho nahasamak' anake ndra te losotse o taoñe
nahampela azeo, ie niantoke te migahiñe i Nampitàmay. 12 Aa le sinama' i fa
hihomakey, ty mira ami'ty hatozantoza' o vasian-dikerañeo naho o faseñe añ' olon-
driake tsy lefe iaheñeo†.
13 Songa nivilasy am-patokisañe, tsy tam' iereo o nampitamañeo‡; fe nioni' iereo
tsietoimoneñe añe, le nisalalaeñe, vaho niantofa' iereo t'ie renetane, mpañialo an-
tane atoy. 14 Ampalangese' o mitaroñe izaio te mitamà tanen-droae. 15 Aa naho
nimaniña' iareo i tane niboahañey, le nalalake t'ie ho nimpoly. 16 F'ie nitamà ty
soa—toe i andindìñe añey. Ie amy zay, tsy mahasalatse an' Andrianañahare ty atao
Andrianañahare' iareo vaho nihalankàña'e rova.
17 Fatokisañe ty nañengà' i Abraàme t'Ietsake, ie nitsoheñe; nengae' i nandrambe
i fitamañeiy i bako toka'ey, 18 ie nanoañe ty hoe:
Am' Isaka ty hikanjiañe o tarira'oo.§
19 Natokisa'e te lefen' Añahare ty hampitroatse ty nihomake, le ao ty nan-
drambesa'e aze am-pandrazañañe. 20 Fatokisañe ty nitatà' Isaka t'Iakobe naho i
Esave amo raha ho avio. 21 Fatokisañe ty nitatà' Iakobe fa hihomakey i ana' Iosefe
rey vaho nitalaho t'ie niato andoham-pitoño'e. 22 Fatokisañe ty nitokia' Iosefe, ie fa
hèta'ey, ty hiavota' o nte-Israeleo vaho toe nafè'e o taola'eo.

‡ **10:38** Kab 2,3-4 * **11:5** Fot 5:24 † **11:12** Fot 15:5, 22:17 ‡ **11:13** Heb 11:39 § **11:18** Fot 21,12

*Ty Amy Mosè*
*Ftv 2.1-10; 12.31-51*
23 Fatokisañe ty nañetahan-droae' i Mosè aze te nitoly, naho nioni' iareo t'ie
ajaja soa*, vaho tsy nahahembañe iareo ty nafè' i mpanjakay. 24 Fatokisañe ty
nifoneña' i Mosè tsy hatao ana' ty anak' ampela' i Farao, ie fa niañoñ'ay, 25 te mone
jinobo'e ty hifeake fampisoañañe mindre am'ondatin' Añahareo, ta t'ie hanañ'andro
hieranerañe an-kakeo; 26 natao'e te vara mandikoatse ty harea' i Egipte ty ìnje'
i Norizañey, amy te nitalakese'e i tambe'ey. 27 Fatokisañe ty niengà'e i Egipte,
tsy nihembaña'e ty haviñera' i mpanjakay; fe nifeake hoe te niisa'e i tsy isakey.
28 Fatokisañe ty nahahenefa'e i Fihelañey, naho i fitse-lioy, tsy hipaoha' i mpanjaman-
tañoloñolòñañey iareo.

*Ty Fatokisa'o nte-Israele ila'eo*
29 Fatokisañe ty nitoaña' iareo i Riake Menay hoe an-tane maike, fe nagedra'e o nte
Egipte nahavany nisoroke ama'eo. 30 Fatokisañe ty nampiforetrake o kijoli' i Jerikòo,
ie niariaria' iareo fito andro. 31 Fatokisañe ty tsy nitraofa' i Rahaba karapilo fivetrak'
amo nanjehatseo ie nandrambe i mpifilo rey am-panintsiñañe.
32 Aa inon-ka ty hatalililiko? Fa hilesa ty andro naho taroñeko i Gideona naho
i Baraka naho i Samsone naho i Jefta, i Davide ka, naho i Samoela vaho o
mpitokio, 33 ie am-patokisañe ro nampiambane fifeheañe, nitolon-kavantañañe,
nahazo fampitamàñe, nampitsiteke ty vavan-diona, 34 namono ty afo nisotratràke,
nibolititse ami'ty lelam-pibara, ni-haozareñe te naifoifo, nifanalolahy añ'aly vaho
nampitriban-day o lahin-defon' ambahinio. 35 Rinambe' o rakembao o vilasi' iareoo
te vinañon-ko veloñe; nisamporeraheñe ty ila'e nitoky tsy hahañe, handrambesa'
iareo ty fitroarañe soa, 36 nitsoehem-pañinjeañe naho firiso ty ila'e, mbore vinahotse
vaho najo am-pandrohizañe ao. 37 Finetsa-bato iereo, linily lasý, nizizieñe, vinono
am-pibara, nirerere an-kolits' añondry naho holits' ose, nibangý, niforekekèñe,
nivolevolèñe— 38 tsy nañeva iareo ty voatse toy—nisariosario an-dratraratra añe
naho am-bohitse ao naho an-dakato vaho an-kobo' ty tane toy ao.
39 Ie iaby rezay, niventem-patokisañe, fe tsy nandrambe i nampitamaeñey†. 40 Amy
te lombolombon-kasoa ty natolon' Añahare aman-tika, te tsy ho fonireñe iereo naho
tsy itika.

# 12

*Mamere o Ana'eo t'i Andrianañahare*
*(Oha 3.11-12)*
1 Aa kanao oniñe t'ie iarisehoa' ty fandrahoñam-balolombeloñe ra'elahy, antao
hampipoke ze ilogologoañe naho o hakeo mamehefehe antikañeo, le antao hilay
am-pisalalañe i tsikiaviavy nalahatse aolon-tikañey, 2 ie faharem-pihaino t'Iesoà,
mpañoreñe naho mpampañeneke i fatokisan-tikañey, ie, ty amy hafaleañe ho azo'e,
nifeake i hatae ajaleiy, nanirika i hasalarañey vaho miambesatse am-pitàn-kavanam-
piambesan' Añahare eo.
3 Tsakoreo i nahafeake ty fanjehara' o lo-tserekeoy, tsy mone ho mamak' an-
troke nahareo vaho hamoe'ay. 4 Mboe tsy nidrikiñe pak' am-piorihan-dio nahareo
nigarabiñe amo tahiñeo, 5 mbore nihaliño' areo i vere tinaroñe ama' areo hoe aman'
amory:
O anake, ko sirikae'o ty fandilova' i Iehovà
ndra mamoe'ay te endaha'e,
6 fa lilove' Iehovà o kokoa'eo,

* **11:23** Avo 2:2 † **11:39** Heb 11:13

vaho lafae'e ze anake no'e.*
7 Aa le mifeaha'e lafa; amy te ibeizan' Añahare ho anake, fa ia ty anake tsy lafaen-
drae'e? 8 Aa naho tsy liloveñe nahareo, ie hene itraofañe, le anak' amontoñe fa
tsy anake. 9 Toe nanan-droae'e am-batañe tika, ie nandafa naho niambanean-tika;
tsy kitra'e hiandaly aman-dRaen' arofo tika soa te ho veloñe! 10 Toe nilafae' iereo
betebetek' avao tika ami'ty natao' iareo hahasoa, antsake te an-kasoa i azey hitraofan-
tika an-kamasiña'e. 11 Toe tsy mahafale heike ze fandilovañe, fa manaintaiñe; F'ie
añe, mamoa havantañañe naho fanintsiñañe o niok' ama'eo†. 12 Aa le
onjono o fitàñe migebañeo,
naho o ongotse malejolejoo‡,
13 le avantaño ty fañaveloam-pandia' areo§
tsy hakatsoke i hakepehañey,
fa ho jangañeñe*.

*Hatahata tsy Hifankalaiñe*

14 Mimanea fifampilongoañe amy ze hene ondaty, naho fiavahañe, fa tsy ia
ty hahaoniñe i Talè t'ie tsy ama'e. 15 Mijilova, tsy mone hilesa ami'ty hasoan'
Añahare, hera hitiriam-baha-mafaitse hañembetse, hanìva ty maro. 16 He ao ty
mañarapilo, ke ty votro manahak' i Esave nandetake i hatañoloñoloña'ey hikama
hanen-kedekedeke†. 17 Toe fohi' areo t'ie añe, nipay handova i tatay fe niarinjeñe,
tsy tendrek' aze ty hisoloho ndra te nimanea'e an-drano-maso.
18 Tsy nivotrak' amy vohitse tsy hay tsapaeñey nahareo, i misotratrake afoy, ndra
amy fimoromoroñañe naho figoboñañey naho amy talio-beiy; 19 naho amy fipopòn'
antsivay, vaho amy feon-tsaray, i nitoreova' o nijanjiñeo te tsy hisaontsiañe i tsaray
ka‡, 20 amy te tsy nileo' iareo i nandiliañe ty hoey:
ndra te biby ty mitsapa i vohitsey
le haretsam-bato.§
21 Aa akore ty harevendreveñañe nizoeñe eo, kanao nanao ty hoe t'i Mosè:
Mitititititik' an-kanìfan-draho.*
22 Fe nimb'am-bohi-Ziona mb' etoa nahareo, mb' an-drovan' Añahare veloñe,
Ierosaleman-dikerañey, naho mb' an-dahialen' anjely, 23 mb' amy fivorin-
tañoloñoloñañe misokitse añarañe andindìñe ao naho mb' aman' Añahare mpizaka
ie iabiy, naho mb' amo arofo' o vantañe nifonirañeo, 24 naho mb' amy Iesoà,
mpañalañalam-pañina vao, vaho mb' amy lio nafitse mivolan-draha soa te amy
Abelaiy.
25 Asoao tsy ho làne' areo i misaontsiy. Fa naho tsy nahabolititse o nikiho
i nañatahata iareo an-tane atoiy, sandrake o mitsambolitioke i mampitao boak'
andindìñe aoio. 26 Toe nampiozoñozòñe ty tane toy i fiarañanaña'ey, fa hoe ty
nampitamae'e henaneo,
Ho tovoñako indraike:
te tsy ty tane toy avao
ty hampiezeñezeñeko, fa o likerañeo ka.†
27 I hoe: Ho tovoñañe indraike, mampalange te haveve o mete ezeñezeñeñeo, o
raha namboareñeo, soa te hidoñe eo o tsy mete ezeñezeñeñeo. 28 Aa kanao man-
drambe fifeheañe tsy mete hasitse tika, le manintsiña, hitoroñe an' Andrianañahare
ami'ty fañevà'e am-piambaneañe naho fañevèñañe, 29 amy te
Afo mamorototo
t'i Andrianañaharen-tika.‡

* **12:6** Rzs 3:11,12 † **12:11** Its 8:2 ‡ **12:12** Ies 35:3 § **12:13** Rzs 4.26 * **12:13** Iob 5:18, Rzs 3:8 † **12:16** Fot 25:32-33 ‡ **12:19** Avo 20:19 § **12:20** Its 5:6 ; Avo 19:12-13 * **12:21** Its 9:19 † **12:26** Kag 2:6 ‡ **12:29** Its 4:24

# 13

*Fitoroñañe Non' Andriananañahare*

1 Mitoloña am-pikokoan-dongo. 2 Ko ado' areo ty fampiantrañoañe ambahiny, amy
t'ie ro nampiantrañoa' ty ila'e anjely fe tsy nahafohiñe. 3 Tiahio o an-drohio hoe te
mindre mirohy ama'e, naho o samporeraheñeo kanao an-tsandriñe ka nahareo. 4 Ee
te hene hiasy o fanambaliañeo vaho tsy ho leoreñe i tihiy amy te zakaen' Añahare o
mpañarapiloo naho o manao fioloram-palio. 5 Le asoao tsy ho an-troke ao ty fikiràñe,
mierañeràña amo fanaña' areoo, ty amy tsara'e ty hoe:
Le lia'e tsy hienga azo raho
vaho tsy haforintseko.*

6 Le hahavany hanao ty hoe tika:
I Talè ro mpañimb'ahiko;
tsy ho hemban-draho
ino ty hanoe' ondaty amako†

7 Tiahio o manan-dily ama'areoo, ie nisaontsy ty tsaran' Añahare ama' areo, naho ty
havokaram-pañaveloa' iareo vaho tsikombeo ty fatokisa' iareo. 8 Tsy mihotike t'Iesoà
Norizañe, ndra omale, ndra androany, ndra nainai'e donia. 9 Asoao tsy hampitsilè'
o fañòhañe ankafankafa mañembetseo‡. Mahasoa ty arofo te ampaozareñe am-
patarihañe fa tsy amo raha kamaeñe, ie tsy nahasoa o nitoloñe ama'eo. 10 Aman-
kitrely tika tsy anaña' o mpitoron-kivohoo zo ikamañe. 11 Fa oroañe alafe' i tobey
ty vata' o biby angala' o mpisorom-beio lio hendese'e amy toetse masiñey ao ty
amo hakeoo. 12 Toe nijale alafen-dalam-bey ao ka t'Iesoà, hañefera'e ondatio amy
lio'ey. 13 Antao arè, homb'ama'e, alafe' i tobey añe, hivave o fañinjeañ' azeo. 14 Tsy
aman-drova tsy ho modo atoy tika, fe misalala i hitotsakey. 15 Aa le ie abey ty
hibanabanàn-tika engan-tsabo nainai'e aman' Añahare, ty vokam-pivimby§ mibango
i tahina'ey. 16 Le ko apo' areo ty fanoan-tsoa, naho ty fifañaoñañe, fa non' Añahare
t'ie banabanaeñe.

17 Mivohora amo mpiaolo' areoo, le iambaneo, fa iereo ro mpañambem-piai'areo
hoe ondaty tsy mahay tsy hamolily. Efao abey iereo hitoloñe an-kaehake, fa tsy aman'
anahelo tsy hahasoa anahareo.

18 Mihalalia ho anay, fa iantofa'ay te mazava ty tro'ay, toe satri'ay ty hañavelo an-
kavañonañe amy ze he'e. 19 Aa le onjoneko ama' areo ty osike hanao zay, soa te
hampolieñe ama' areo masìka raho.

20 I Andriananañaharem-panintsiñañey abey, i nampitroatse i Mpiarak' añondry
ra'elahy boak'an-kavilasiy, amy liom-pañina tsy modo' Iesoà Talèn-tika, 21 ro
hampañeneke* anahareo amy ze hene sata soa hitoroña'areo amo satrie'eo, ie
hitoloñe aman-tika† ze no'e am-pivazohoa'e, añam' Iesoà Norizañey: aze ty engeñe
nainai'e tsy modo. Amena.

22 O ry longo, ehe iantofo ty fañisohañe sinokiko bòry toy. 23 Fohino te navotsotse
t'i Timoty rahalahin-tika; aa ie pok' atoy aniany, le hindrezako hitilik' anahareo.
24 Salamao iaby o mpifehe' areoo naho o noro'e iabio. Mañontane anahareo o nte-
Italio. 25 Hasoa ama' areo iaby. Amena.

---

* **13:5** Its 31:6 † **13:6** Sab 118:6 ‡ **13:9** Efe 4:14 § **13:15** Hos 14:2 * **13:21** Mat 5:48 † **13:21** Gal 2:20, Fil 2:13

# Iakobe

1 Iakobe, fetrek'oron' Añahare naho i TALÈ IESOÀ Norizañey,
Ho amo foko folo ro'amby miparaitake an-tsese-tane añeo: Talilio areo.

*Tsoke naho Zizy*

2 Ee t'ie hatao ho hafaleañe pea, ry longo naho mizo fitsohañe ankafankafa, 3 fohiñe te minday fahaliñisañe ty fitsohañe o fatokisa' areoo. 4 Le apoho ho heneke i fahaliñisañey, soa t'ie ho vañoñe naho fonitse tsy hipay ndra inoñ' inoñe.

5 Aa naho ama' areo ty mipay hilala, soa re te hihalaly aman' Añahare, fa hene atarìha'e tsy aman-tìñe, vaho hitolorañe. 6 Ie mihalaly, le am-patokisañe tsy mifejofejo, fa am-panahafeñe ami'ty onjan-driak' asiotsion-tioke, mivalitaboake mb'etia mb'eroa, ty mitroetroe am-patokisañe, 7 Ee te tsy hitamà handrambe ndra inoñ'inoñe amy TALÈ indatiy. 8 Maletroletro amy ze fonga sata'e ty milolohe vatavo roe.

9 Ehe te hirenge ami'ty halohà'e ty longo trentrañe; 10 le amy fañivañ' azey i mpañalealey, ie himosaoñe manahake o voñen' ahetseo. 11 Ie manjirik' ankatrovòha'e reketse tio-mae i àndroy, le miheatse o ahetseo, mihintsañe o voñe'eo vaho mikò-mavo ty hasoa-vinta'e. Hoe zay ty hiforejejea' ty mpañaleale amo fitoloña'eo.

12 Haha t'indaty mahafeake fitsohañe, fa ie ventèñe ro handrambe i sabakankaveloñe nampitamà' i Talè o mpikoko azeoy. 13 Aa ie zizieñe t'indaty, ee te tsy hanoe'e ty hoe: Azizin' Añahare raho. Amy te tsy mete zizien-draty t'i Andrianañahare vaho tsy zizie'e t'ondaty; 14 f'ie songa zizieñe te kozozote' o drao raty manigìk' azeo. 15 Ie miareñe i hasiji'ey le mitoly hakeo; ie añoñ'ay i tahiñey le mampikoromake. 16 Mitaoa tsy ho fitaheñe ry longo sarotse.

17 Boak' ambone añe iaby ze raha soa natolotse naho ze falalàñe, mizotso hirik' aman-dRaen-kazavàñe; ie tsy mihotike, tsy an-kaieñe te mihodiñe*. 18 An-satri'e ty nampiareña'e an-tika ami'ty tsara to, ho karazan-doha-voa amo namboare'eo.

*Mitsendreñe vaho Manao*

19 Aa le soa ry longoko sarotseo te songa havitrik' am-pitsendreñañe naho malea an-tsaontsy vaho malaoñe an-kaviñerañe, 20 amy te tsy mitoloñe ami'ty havantañan' Añahare ty haboseha' ondaty. 21 Apoho iaby arè ze haleorañe naho haratiañe ila'e, vaho rambeso an-trentram-po i tsara tinongy† maharombake ty fiai' areoy.

22 Toloño i tsaray, le ko mijanjiñe avao‡ hamañahy vatañe. 23 Naho mpijanjintsara t'indaty, fa tsy mitoloñe, le ampanahafeñe amy t'indaty mihetsoro laharañe. 24 Ie mahaisa-batañe naho mienga, ro mañaliño i vintañe nioni'e anianiy. 25 Fe ze mibiribiry i Hake famotsorañe hiringiri'ey§, naho mañambeñe aze, tsy manao fijanjiñam-bei-areke, fa mpifanehak' amy fitoloñañey, ro tahieñe amo sata'eo.

26 Naho eo ty mieva ho mpitalaho, fa tsy vahora'e i famele'ey le mamañahy troke, vaho kafoake o fitalahoa'eo. 27 Zao ty fitalahoañe hiringiri'e tsy aman-kila añatrefan' Añahare Rae: le ty fitilihañe bode-rae naho vantotse amo fisotria'eo, vaho ty fifoneñañe tsy ho pepoe' ty voatse toy.

## 2

*Adono ty Firihiañe*

---

* **1:17** Mal 3:6 † **1:21** Mat 13:4-23 ‡ **1:22** Mat 7:24-27, Lke 6:46-49, 8:21, Rom 2:13, Heb 4:11, Ben 22:14
§ **1:25** Iak 2:12

1 O ry longo, toloño tsy am-pirihiañe ty fatokisa'areo am'Iesoà Norizañe Talèn-
engen-tikañey. 2 Aa naho mimoak' am-pivori' areo ao t'indaty mibange volamena,
an-tsaroñe marerarera, vaho mizilik' ao ka ty rarake rotarota, 3 fe ie mañisoke i
misaroñe soay, ami'ty hoe: Ingo ty toe-tsoa hiambesara'o, fe amy poi'ey ty hoe:
Mijohaña ey hoek'eo, ndra ty hoe: Mikopepaha an-tomboko etoa, 4 tsy fa nifampirihy
hao, nanao satam-pizaka raty tsereke? 5 Tsendreño ry longo sarotse: Tsy jinobon'
Añahare hao ondaty rarake am-pihaino' ty voatse toio ho mpañaleale am-patokisañe
vaho mpandova i fifeheañe nampitama'e o mikoko azeo? 6 Le ndra binote' areo i
rarakey. Tsy ty mpiefoefo hao ty mamorekeke naho mikozozotse anahareo mb'an-
jaka añe? 7 Tsy ie hao ty mañinje i tahinañe aman-kasy ikanjiañe anahareoy? 8 Aa
naho toe henefe' areo i Hàm-pifeheañe amy sokitse masiñey manao ty hoe:
Kokò ondatio manahake ty vata'o,*
le manao soa. 9 F'ie mirihy, le mandilatse naho voa-fatse amy Hake, fa mpiola.
10 Amy te ndra iaia mañambeñe ty halifora' i Hake fe mandilatse lily raike, le voa-
zaka am'iaby. 11 I nanao ty hoe:
Ko mañarapilo,
ro nanao ty hoe ka,
Ko mañè-doza.†
Fa naho tsy mañarapilo rehe, fe mamono ondaty, le mpañota Hake. 12 Aa le
misaontsia vaho mañaveloa hambañe amo hizakañe amy Hake mampidadaio‡, 13 fa
zaka tsy aman-tretrè ty ho amy tsy miferenaiñe. Toe reketen-tretrè ty zaka.

### *Fatokisañe naho Havokarañe*

14 O korahe, inoñe ty mahasoa ondaty te manao ho mpiantoke f'ie tsy mitoloñe?
Haharombak' aze hao o fiantofa'eo? 15 Aa naho mihalo tsy aman-ko kamaeñe ty
rahalahy ndra rahavave, 16 fe anoa' ty raik' ama' areo ty hoe: Akia, manitsiña,
mangatsakatsaha naho mianjaña, fe tsy itolora'o ze paia' i sandri'ey, inoñe ty soa
azo'e? 17 Ie amy zao, mate ty fiantofañe miereñereñe tsy mitoloñe. 18 Hera eo ty
hanao ty hoe, Amam-piantofan-drehe, fa fitoloñañe ty ahy. Aboaho amako i fiantofa'o
tsy maha-pi-drahay, le haboako ama'o amo satakoo ty fatokisako. 19 Iantofa'o te
raike t'i Andriananañahare§! Hasirìty! Manao soa, miantoke ka o kokolampao vaho
mitititititike. 20 Satri'o hao, ry seretse, ty hahafohiñe te tsy vara ty fiantofañe tsy
mitoloñe? 21 Tsy nivantañe' o fitoloña'eo hao t'i Abraàme raen-tikañe ie nañenga
Isaka ana'e an-kitrely? 22 Tsy oni'o hao te nifanehak' amy fatokisa'ey o sata'eo naho
nañeneke i fatokisa'ey o fitoloña'eo? 23 Ie nahafonitse i sokitse masiñe manao ty
hoey:
Niantok' an' Andriananañahare t'i Abraàme le nivolilieñe ho havantañañe ama'e*
vaho natao rañen'Añahare†. 24 Inao! ampivantañe' i fitoloña'ey t'indaty fa tsy i
fiantofa'ey avao. 25 Nanao zay i Rahaba tsimiriráñe, tsy nampivantàñem-pitoloñañe
hao re ie nanoe'e añ'anjomba i nahitrike rey vaho nampomba'e mb'an-dalan-kafa
mb'eo? 26 Eka, hambañe amy te mihomake ty sandriñe tsy amañ'arofo; le mate ka
ty fiantofañe tsy arahen-tsata.

# 3

### *Famolahañe ty Fameleke*

1 O ry longo, ee te tsy maro ty ho mpañoke; fohiñe te ho lombolombo'e ty fizakañe
antika. 2 Songa mitsikapy ami'ty sata maro tika. Aa naho tsy fingane' i saontsi'ey
t'indaty le vañoñe indatiy mahafehe ty vata'e iaby. 3 Ie aomben-tika añ'oron-tsoavala

* 2:8 Sor 19:18 † 2:11 Avo 20.13-14 ‡ 2:12 Iak 1:25, Jao 8:32-36 § 2:19 Its 6:4 * 2:23 Fot 15:6 † 2:23
Ies 42:8, Fi II: 20:7

ty laboridy hañoriha'e antika, le mahafeleke ty vata'e iaby. 4 Oniño ka o samboo.
Ndra t'ie jabajaba naho aronjen-tio-bey, ro tehafem-panehake kede mb'amy ze satri' i
mpinday azey hombañe. 5 Manao zay i famelekey, ie kedekedeke amo an-tsandriñeo,
fe raha ra'elahy ty iroharohà'e. Haraharao ty habei' ty ala viàñe' ty pitsik' afo.
6 Afo i famelekey, haliforan-katserehañe; napok' amo haraon-tikañ' ao i famelekey
f'ie mahativa i sandriñey iaby, naho mamiañ' afo an-dalam-pañaveloan-tika, toe
ampiforehete' i tsikeokeokey. 7 Hene mete folahe' ondatio naho toe fa nifolahe'e ze
karazam-biby naho voroñe naho mpilaly vaho o bibin-driakeo, 8 fe tsy lefe' ondaty
folaheñe i famelekey. Haratiañe mitsingoetse re, lifo-boreke mahafate. 9 Ie ty
andrengean-tika i TALÈ Raentikañey, ie ka ty añonjiran-tika t'indaty namboareñe
hambam-bintañe aman' Añahare*. 10 Songa am-palie raike ty iakaran-tata naho
fàtse. O ry longo, sondo'e t'ie anoeñe! 11 Ampikararahe' ty loharano hirik' am-
bava raike hao ty mamy naho ty mafaitse? 12 O ry longo, mete mamoa takoko† hao
ty sakoañe? ndra sakoañe ty vahe? Toe tsy vokaren-drano masiake ty mamy.

### *Hihitse Roe*

13 He ama' areo ao ty mahihitse naho mahilala? Ee te ho vente'e amy havañona'ey,
t'ie mitoloñe an-katretran-troke mahihitse. 14 Fe naho añaja'o fikirañañe mafaitse
aman-katea-teña ty an-tro'o ao, le ko mibohaboha handañira'o ty hatò. 15 Toe
tsy hirik' añ'abo i hihitse zay, f'ie an-tane, an-kasijin-tsandriñe naho itokoan-
angatse. 16 Aa naho eo ty fitsikirihañe naho fifandierañe, le eo ka ty fivalitaboahañe
naho ze fonga atao sata raty. 17 Hiringiri'e hey ty hihitse boak' andindìñe ao, ie
mifampilongo, lem-pò, mete mivohotse, lifo-tretrè naho voka-tsoa, tsy mitroetroe
vaho po-famañahiañe. 18 Tongisam-pampilongo am-panintsiñañe ty tabiry mamoa
havantañañe‡.

## 4

### *Miambanea aman'Añahare*

1 Hirik'aia o aly naho fifandierañe ama' areoo? Tsy o hasiji' areoo hao ty mitrobo
añ'ova ao? 2 Mikirañe f'ie tsy manañe, mamono; mihàñe fe tsy mahazo, naho
mifandietse vaho mialy, f'ie tsy manañe amy te tsy mihalaly, 3 Mihalaly fe kanao
tsy tendreke, vàlañe i hatakey, ie ho nirite'areo an-kadrao avao. 4 Ty karapilo! Tsy
apota' areo hao te falaiñañe an' Andrianañahare ty firañetañe ami'ty voatse toy?*
Aa le ze te ho rañe' ty tane toy manao ty vata'e ho rafelahin' Añahare. 5 Hera atao'
areo te tsy aman-tali'e ty itsara' i sokitse masiñey t'y hoe: Mañiriñe am-pihàñañe ty
Arofo mimoneñe aman-tikañe ao. 6 Fe itolora'e fañisoham-bey. Zay ty anoe'e ty hoe:
Zeharen' Añahare ty mpiebotsebotse,
fe tolora'e arofo ty mpirèke.†
7 Aa le miambanea aman' Añahare. Liero i mpañìnjey, le hibioñe. 8 Harineo t'i
Andrianañahare, le hitotofa'e. Mandiova fitàñe ry mpanan-kakeo vaho mañefera
arofo ry mpanao sadrò-lahiagao. 9 Mihontoha, mandalà naho mangololoiha; afotero
ho firovetañe ty fitohafa' areo vaho halonjerañe ty haeha' areo. 10 Miambanea aolo'
i TALÈ le hongahe'e.
11 O ry longo, ko mifamokafoka. Ty mañìnje Hake naho mizaka Hake ro mañìnje
rahalahy Vaho mizaka longo; Aa kanao maniñe Hake rehe, le tsy mpañambeñe Hake,
fa mpizaka. 12 Raike t'i Mpanolotse Hake, Ie ty maharombake naho maharotsake. Ia
v'iheo te hizaka ondaty?

### *Rengeñe hao ty Hamaray?*

---

* **3:9** Fot 1:26-27 † **3:12** Grika: oliva ‡ **3:18** Fil 1:11 * **4:4** Mat 13:22, Lke 4:5-6, 14:33 Rom 12:2, † **4:6** Rzs 3:34

[13] Hete! ie manao ty hoe: Ke anito, he hamaray, le hionjoñe mb’an-drova an-koe
añe zahay, ho tambatse añe taoñe raike hanao takinake vaho hanontom-bara. [14] Fe
tsy apota’ areo te inoñe ty ho fiai’ areo te hamaray, ie toe zono miboak’ aniany vaho
mimiañ’ añe. [15] Fe hàmake te hanoe’o ty hoe: Naho satri’ i TALÈ, te ho velon-jahay
le hanao zao naho zao. [16] F’ie miroharoha am-pirengevohañe henaneo, toe raty o
fisengeañeo. [17] Le aman-kakeo ze mahafohiñe ty soa hanoe’e fe tsy anoe’e.

# 5

### *Hatahata amo Mpañalealeo*

[1] Hete! ry mpañalealeo, miroveta naho mitoreòva amo hasotriañe hivotrak’ ama’
areoo. [2] Fa momoke ty vara’ areo, nihanem-bararaoke o saro’ areoo. [3] Herefeñe
ty volamena naho ty volafoti’ areo, toe ho sesehe’ ty harefesa’e, hampibotseke ty
nofo’ areo hoe afo, ie nahaja’ areo ho amo andro honka’eo o vara’ areoo. [4] Inao!
Mitoreo ty rima’e o mpièke nanatake o tete’ areoo, ie nahaja’ areo avao. Fa nitakats’
an-dravembia’ i TALÈ’ i màroy* ty fitoreova’ o mpanatakeo. [5] Ie toe niagaregañe
an-tane atoy naho niaiñañoleñañe, nañavondra-troke ho amy andro fandentàñey,
[6] Mamàtse naho mañoho-doza amy vañoñey, ie tsy nanohetse.

### *Mifeaha Faloviloviañe*

[7] Mahaliñisa arè ry longo, ampara’ ty fitotsaha’ i TALÈ. Oniño ty fahaliñisa’
i mpiavay ty voka-tsoa’ i taney, ie liñisa’e ampara’ te avy i loha-orañey naho i
oran-jobay. [8] Mahaliñisa, mihaozara troke, fa an-titotse ty fitotsaha’ i TALÈ. [9] Ko
mifamarahy ry longo, tsy mone ho zakaeñe. Hehe te mijohañe an-dalañe eo i
Mpizakay. [10] O koahe, rendreho o mpitoky nisaontsy amy tahina’ i Talèio ho
fandrazañañe ty fahaliñisañe naho hasotriañe. [11] Ataon-tika haha ty mahafifeake.
Toe jinanji’ areo ty fahaliñisa’ i Joba naho niisa’ areo ty nanoe’ i TALÈ, fa lifon-kalèn’
arofo naho fiferenaiñañe t’i TALÈ. [12] Mandikoatse ie iabiy, ry longo, ko mifanta—he
amy likerañey, ke ami’ty tane toy, hera am-panta ila’e, fe anò eka ty eka’ areo, naho
Aiy! ty tsie’ areo, tsy mone hampihotrahan-jaka.

### *Mihalalia am-Patokisañe*

[13] Ia ama’ areo ro misotry? Soa re te hihalaly. Ia ty ehake? Ehe t’ie hisabo.
[14] Ama’areo ao hao ty siloke? Soa re te hikanjy o bei’ i Fivoriio hihalaly ho aze,
hañosoran-tavoñe amy tahina’ i TALÈy, [15] Ie mihalaly am-patokisañe ro mahajangañe
i natindriy vaho hatroa’ i TALÈ. Ie nandilatse, le hafahañe. [16] Aa le mifampiantofa
tahiñe vaho mifampihalalia le ho jangañe. Mahatafetetse raha maro ty halaly toloñe’
ty vantañe. [17] Ondaty nira-vintañe amantika t’i Elia, ie nihalaly ty tsy hahavian’
orañe, le tsy niavy an-tane atoy naho tsy niritse hey ty taoñe telo-tsi-enem-bolañe.
[18] Ie nihalaly indraike, le nampikojojoahe’ i likerañey i orañey vaho nahatoly sabo
ty tane.
[19] Ory longo, naho ama’ areo ty mandifik’ ami’ty hatò, vaho eo ty mampoly aze,
[20] Le maharendreha te ze mampitolike ty mpanan-kakeo amy fandilara’e i lalañey ro
handromba-piaiñe tsy hihomake vaho handembeke tahiñe maro†.

* **5:4** Iir 22:13 † **5:20** Its 10:12

# Petera I

1 I Petera, Firàhe’ Iesoà Norizañey, Ho amo mañialo naparaitake e Ponto, e Galate,
e Kapadokia, e Asia vaho e Bitinia añeo, jinoboñe 2 ami’ty fisafirin’ Añahare Rae,
navahe’ i Arofoy, ty amy nivohora’ areo[*] am’ Iesoà Norizañey naho fa nifitsezan-
dio’e: añonjoñan-kasoa naho hanintsiñe.

*Fitamañe Veloñe*

3 Andriañeñe t’i Andriananañahare, Rae’ i Talèntika Iesoà Norizañey! Ie am-
piferenaiñañe jabajaba, ro nampiareñe antika fañindroe’e ho am-pitamàñe veloñe
amy fitroara’ Iesoà Norizañey an-kavilasiy, 4 ho amy lova tsy modo, tsy ho komatrào,
tsy hipoa-mavo, nihalankañeñe andikerañe aoy ho anahareo 5 arovañe ami’ty
haozaran’ Añahare ami’ty fatokisañe ho amy rombake haboak’ an-tsa honka’ey.
6 Aa le irebeho, ndra t’ie loviloviem-pitsohañe ankafankafa hey amy ipaiañe azey,
7 hamente ty fatokisa’ areo sarotse te ami’ty volamena mete momoke, naho nitsoheñe
añ’ afo handrendrehañe t’ie mandrenge naho misabo vaho miàsy ami’ty fiboahañe
Iesoà Norizañey. 8 Ikokoa’ areo ndra te mbe tsy niisake mbore tsy isake heike,
f’ie atokisa’o naho irebeha’o an-kaehake tsy lefe talilieñe vaho lifots’ engeñe, 9 t’ie
mandrambe ty firefeam-patokisa’ areo, ty fandrombaham-piaiñe.
10 I fatokisañey, le nitsoeha’ o mpitokio, nitsikaraha’ o nitoky i hasoa nivotrak’ ama’
areoio, 11 le nimanea’ iareo pay te ia naho an-tsa inoñe ty nentoe’ i Arofo’ i Norizañeiy
ty an-tro’ iareo ao, ie nitaroñe ty falovilovia’ i Norizañey naho i engeñe hanonjohiy.
12 Naboak’ am’ iareo te tsy iereo fa itika ty nitoroña’ iareo o raha nitsarae’ o nitaroñe
i talili-soay ama’ areo henaneo amy Arofo Masiñe niraheñe boak’ an-dindiñe añeio
—raha salalae’ o anjelio hotsohotsoeñe.

*Miambaha*

13 Aa le diaño ty toham-betsevetse’ areo hifanehake, le ilozoho filieram-batañe,
vaho ifaharo fitamañe ty hasoa hatolotse anahareo ami’ty fiboahañe Iesoà
Norizañey, 14 hoe amory mete avohotse, tsy mitsikombe o hadrao raty nañaveloa’
areo am-paha-bahimoañeo. 15 Aa kanao masiñe i Nikanjy anahareoy le miavaha ka
amo fañaveloañe iabio; 16 fa hoe ty pinatetse:
Miavaha amy te masin-dRaho[†].
17 Aa naho kanjie’ areo t’i Rae, ie tsy mirihy fe izaka’e songa amy fitoloña’ey,
le mañaveloa am-pañeveñañe ami’ty fañialoa’ areo atoy, 18 fohiñe te tsy o raha
mora momokeo manahake o volafotio ndra o volamenao ty nijebañe anahareo amy
haveloñe kòake linova’ areo aman-droae’ areoy, 19 fa ty lio sarots’ i anak’ añondriy,
i Norizañey, tsy aman-kandra tsy aman-kìla, 20 ie norizañe taolo’ ty nampijadoñañe
ty voatse toiy, fe naboake ama’ areo an-tsan-konka’e zao. 21 Ie ty iatoa’ areo aman’
Añahare nampivañon-ko veloñe aze naho toe nitolora’e engeñe, soa te ho aman’
Añahare ty fatokisañe naho ty fitamà’ areo.
22 Aa kanao, nañefe-batañe amy t’ie nivohotse ami’ty hatò amy Arofoy hikoko
longo tsy mihaboke, le imaneo koko an-troke hiringiri’e, 23 amy t’ie nisamaheñe
fañindroe’e, tsy an-tabiry mora momoke, fa amo tsy momokeo, an-tsaran’ Añahare
veloñe tsy mete modo. 24 fa
Hoe ahetse ze kila nofotse,
manahake o voñen’ ahetseo o hene enge’eo;
miheatse o ahetseo, mihintsañe o voñe’eo,

[*] **1:2** a. 14,22 [†] **1:16** Sor 11:44, 19:2

25 fe tsy mb’ia ho modo ty tsara’ IEHOVÀ.‡
Zay i tsara nitaroñeñe ama’areoy.

# 2

1 Aa ie fa napoke ze fonga filoa-tiñake, ze hene famañahiañe naho hasoa-piatrefañe
naho ty fihàñañe vaho ze fañinjeañe iaby, 2 manahake te ajaja-mena, salalao ty
ronono hiringiri’ i tsaray, hitomboa’ areo amy rombakey, 3 kanao fa nitsopeke ty
hasoa’ i TALÈ,

## *I Vato Veloñe naho Jinoboñey*

4 naho nimb’ama’e, i Vato veloñe nado’ ondatio fe jinobon’ Añahare vaho toe
sarotse ama’ey, 5 le ampitroareñe ka nahareo vato veloñeo, ho anjomban’ arofo, naho
fisoroñañe miavake, hañenga soron’ arofo non’ Añahare añam’ IESOÀ Norizañey.
6 Ty amy pinatetse an-tsokitse masiñe ao:
Ingo, apoko e Tsione ao
ty vaton-kotsoke jinoboñe,
vaton-kotsoke sarotse,
le tsy ho salatse ty miato ama’e.*
7 I hasarota’ey ho ama’ areo mpiatoo, fe amo manjehatseo le:
Nivalike ho vato-kotsoke
i vato nado’ o mpandranjioy†.
8 naho ty hoe:
Ty vato mahatsikapy
naho ty vato mahasirìka.‡
Tsikapie’ i tsaray o mpanjehatseo§; fa zay ty nanendreañe iareo.
9 Fe tariratse jinoboñe* nahareo, firimboñam-pisoroñe aman-kasy†, fifeheañe
miavake‡, famosora nambahañe ho hanaña’e§, hitaroñe ty hasoa’ i nikanjy anahareo
hiakatse i ieñey ho ami’ty fireandreaña’e fanjakay. 10 Amy t’ie tsy nifamosorañe
taolo, fe famosoran’ Añahare henaneo; tsy nitretrezeñe fe iferenaiñañe henaneo*.
11 O ry noroko, osiheko hoe t’ie ambahiny naho mpañialo, ty hifoneñe amo raha
mahatsontso’ i nofotseio naho mifañotakotak’ am-betsevetse ao. 12 Mañaveloa
an-kavañonañe amo kilakila’ ndatio, ie mañarinjèñe anahareo hoe tsy vokatse,
naho misamba o sata soa†’ areoo, ro handrenge an’ Andrianañahare amy androm-
pitilihañey.

## *Miambanea amo Mpifelekeo*

13 Aa le miandalia amy ze fifelehañe noriza’ ondatio, ty amy TALÈ; naho ty
mpanjaka, amy te manandily; 14 naho o ragovao amy t’ie nirahe’e handilo o manao
ratio vaho handrenge o manao soao. 15 Zay ty satrin’ Añahare, t’ie mitolon-kasoa
ro hampitsiñe ty habahimoa’ ondaty seretseo, 16 toe haha nahareo, le ko atao
fandrongonan-tiñake i fidadàñey, fa iambaneo kanao mpitoron’ Añahare. 17 Hene
iasio, kokò o rolongoo, mañeveña aman’ Añahare, iasio i mpanjakay.
18 Ry mpitoroñeo, iambaneo o tompo’ areoo am-pañeveñañe àmpoñe, tsy t’ie soa
naho lem-po avao, fa o mengokeo ka. 19 Inao ty mañeva isoke, t’ie mpañeveñe aman’
Añahare, ro mifeake sotry te ampisoañeñe tsy aman-katò. 20 Ino ty tombo’e t’ie
mahafifeake lafa ty amo tahiñeo? Ie manao soa te ampisoañeñe vaho mifeak’ am-
pahaliñisañe, le hisohen’ Añahare. 21 Inao ty nikanjiañe anahareo, kanao nijalea’ i
Norizañey, itsikombeo, hañoriha’ areo o lia’eo‡.

---

‡ **1:25** Ies 40.6-8 * **2:6** Ies 28.16 † **2:7** Sab 118:22 ‡ **2:8** Ies 8.14 § **2:8** Jao 3:36, Heb 3:18 * **2:9** Its 10:15, 43:2 † **2:9** Ies 61:6, 66:21 ‡ **2:9** Avo 19:6, Its 7:6 § **2:9** Ies 43:2, Avo 19:5, Tit 2:14 * **2:10** Hos 1:9-10, 2:23; Oni: Ies 65:1, 63:16, † **2:12** Mat 5:16 ‡ **2:21** 1Ko 11:1, Jn I 2:6

22 Ie tsy nanan-tahiñe§,
naho tsy nioniñe am-palie'e
ty famañahiañe, *
23 le ie nonjireñe, tsy namale añ' ònjitse; ie nijale tsy nañebañe, fe nitolom-piato
amy Mpizaka an-katòy. 24 Ie ty nivave o hakeon-tikañeo† am-pañòva'e an-katae ajale
eo, hampihomaheñe o tahiñeo soa te ho veloñe an-kavañonañe tika,‡ fa o fere'eo
ro mahajangañe anahareo§. 25 Ie nitolom-pandrìke hoe añondry*, fe nitampoly amy
Mpiarake naho Mpisari' o arofo' areooy henaneo.

# 3

*Ie Mirovaly*

1 Manahake zay ry roakembao, miandalia amo vali' areoo, ke ho jehare' ty ila'e
i tsaray, fe ho reketeñe tsy aman-tsara, fa ami'ty sata-soa' i rakemba'ey, 2 ie isa'e
ty fañaveloa' areo ki'e naho pea fiasiañe. 3 Tsy ty fihaminañe alafe'e, naho ty
firandranañe maròy naho ty firagoragoam-bolamena vaho ty fisaroñañe maviake,
4 te mone indaty mikafitse an-trok' aoy, hendre naho an-kamoràm-po tsy mete
modo, zay ty fihaminan-tsarotse am-pivazohoan' Añahare; 5 ie ka ty fihamina' o
roakemba miavake taolo mpitamàn' Añahareo, mpiandaly ami'ty vali'e; 6 manahake
ty niambanea' i Sarahae amy Abraàme, nanao aze TALÈ; toe anak' ampela'e t'ie
mitolon-draha soa naho tsy ampitsolofìñen-kahembañañe.
7 Ry roandriañeo, mitraofa fimoneñe an-kahilala amo vali' areoo, iasio hoe korobo
mareforefo, ie mpitrao-dova amy falalàn-kaveloñey, soa tsy ho sebañeñe o halali'
areoo.

*Faloviloviañe ami'ty Fanoan-tsoa*

8 Hengaha'e, ehe songa hiharo rehake naho arofo, mifampikoko hoe mpilongo naho
mifampitretrè vaho mifampilèn-troke, 9 ko valean-draty ty raty, ndra tera ty tera, fa
mitatà, amy te zay ty nikanjiañe anahareo handova fitahiañe. 10 Aa:
Ze misalala haveloñe, naho fikokoañe,
hahaisahañe andro soa,
tsy mete tsy mitañe
ty famele'e amo haratiañeo naho
o fivimbi'eo tsy hisaontsy famañahiañe;
11 tsy mahay tsy isitaha'e ty raty
naho hanoe'e ty soa;
hitsoeke fifampilongoañe
vaho hañeañe aze.
12 Tolihem-pihaino' IEHOVÀ o vantañeo,
naho janjiñen-dravembia'e
o halali' iareoo,
fe atreatrè' IEHOVÀ an-daharañe
o mpanao ratio.*
13 Ia ty handilo kanao lozohe'areo ty hasoa? 14 Fe, naho ampisoañeñe t'ie vantañe,
mifalea† le ko hembañe ami'ty fañembaña' iareo vaho ko marimarike‡ 15 fe hamasiño
i Norizañey ho Talè añ'arofo ao, nainai'e veka'e hanoiñe an-kamoràn-troke naho
fiasiañe ndra iaia mañontane ty talim-pitamà' areo, 16 le mifahara ami'ty hazavan-
troke, soa t'ie fosañe hoe mpanao raty, le ho salatse o mañonjitse ty fañaveloa'
areo amy Norizañeio. 17 Ie satrin' Añahare, hàmake te hijale am-panoan-tsoa ta

§ **2:22** Jao 8:55, 15:10, Ko II 5:21, Jn I 3:5 * **2:22** Ies 53.9 † **2:24** Ies 53:4 ‡ **2:24** Rom 6:2, Pe I 4:1-2 § **2:24** Ies 53:5 * **2:25** Ies 53:6 * **3:12** Sab 34.12-16 † **3:14** Mat 5:10 ‡ **3:14** Ies 8:12

te am-panoan-draty. 18 Nivilasy indraike nahafonitse ty amo tahiñeo i Norizañey, i
vantañey ho a o mengokeo, hanese azo mb'aman' Añahare§, ie vinono an-tsandriñe,
fe vinañom-beloñe amy Arofoy, 19 izay ka ty nihitrifa'e naho nitsey amo fañahy an-
drohio, 20 o nanjehatse haehaeo, amy fandiñisan' Añahare tañandro' i Noey amy
nandranjiañe i lakam-poloaiy, ie tsy niampe, toe ondaty valo ty rinombak' añamy
ranoy. 21 Zay ty fanalinjoañe i filiporañe mandrombak' anahareo henaneo—tsy ty
fañafahan-deotse an-tsandriñe, fa t'ie mifelek' aman' Añahare ho ami'ty hazavan-
troke, añamy fivañonam-belo' Iesoà Norizañey, 22 i am-pitàn-kavanan' Añaharey*;
ie fa nizilik' an-dikerañe ao naho nampiambanèñe ama'e o anjelio naho o fifelehañeo
vaho o haozarañeo.

# 4

### *Mañaveloa aman'Añahare*

1 Aa kanao nilofek' am-pañova'e i Norizañey, le adiaño ho fitalifirañe zay, amy te
nijihetse tsy manao hakeo ka* ty nijale an-tsandriñe, 2 soa te amo andro sisa amy
nofotseio, tsy hiveloma'e ka o hasijy rati' ondatioo, fa ty satrin' Añahare. 3 Amy te
nahatsàke anahareo o andro nitoloñañe amy ze fisatria' o kilakila' ndatio—nifanao
haloloañe, hakarapiloañe, hamamoañe, fihisàn-draty, figologodrañan-divay, vaho
fitalahoam-pahasive tiva. 4 Le hoe te ankafankafa amo mifosao t'ie tsy migodañe
tsy nàhy mindre am'iereo mb'an-kaliforan-katsivokarañe ao. 5 F'ie tsy mahay tsy
hamolily amy veka'e hizaka o veloñeo naho o vilasioy. 6 Zay ty talim-pitseizañe i talili-
soay amo nihomakeo, hizakañe hoe ondaty amy nofotsey vaho ho veloñe añ'arofo
ao ty amy natoron' Añaharey.
7 Fa an-titotse ty firefea' ze he'e. Aa le miliera-vatañe vaho mijilova hahafilolofa'
areo. 8 Mandikoatse zay, imaneo fifampikokoañe, fa mahalembeke hakeo maro ty
fikokoañe†. 9 Mifampiantrañoa tsy aman-treotreoñe. 10 Aa kanao songa nandrambe
falalàñe le mitoloña am-pifampitoroñañe hoe mpamandroñe mahimba' o hasoan'
Añahare ankafankafao. 11 Ndra iaia misaontsy le manahake t'ie misaontsy o fetsen'
Añahareo; ze mitoroñe, le ami'ty haozarañe atolon' Añahare aze, soa te amy ze
he'e, ho rengèñe t'i Andrianañahare añam' IESOÀ Norizañey. Aze ty engeñe naho ty
fifeheañe nainai'e donia. Amena.

### *Faloviloviañe amo Mpiamy Norizañeio*

12 O ry rañetse, ko ilatsa' areo ty fitsohañe añ'afo mifetsake ama'areo, (ie
famenteañe anahareo) manahake te nizò raha ankafankafa, 13 fe mirebeha t'ie
mitraok' ami'ty falovilovia' i Norizañey, handià' areo taroba ami'ty fiboaha' o
enge'eo. 14 Ie injèñe ty amy tahina' i Norizañeiy, le mihahà, te ipetaha' t'i Arofon-
engen' Añahare. 15 Ehe te tsy ama' areo ty ho lovilovieñe t'ie mpamono ondaty, ndra
mpikizo, ndra mpanao raty, ndra mitsoropoke am'ondaty mitoloñe. 16 F'ie mpiamy
Norizañey, ee te tsy ho salatse, te mone mandrenge an' Andrianañahare ty amy
tsaraeñey. 17 Fa tsatoke te hifotots' amy hasavereñan' Añaharey i zakay; aa kanao
mamototse aman-tikañe, akore ty hizò o manjehatse amy talili-soan' Añahareio?
18 Aa katao sarotse ho rombaheñe
ty vantañe,
akore ty hifetsak' ami'ty tsy aman-Kake
naho amy aman-kakeoy? ‡
19 Aa ze mijale amy satrin' Añaharey, ee te hampiatoa'e aman' Andrianamboatse
migahiñey ty arofo'e, am-pitoloñan-tsoa.

---

§ **3:18** Rom 5:18 * **3:22** Sab 110: 1 * **4:1** Rom 6:2-22, Pe I 2:25 † **4:8** Rzs 10:12 ‡ **4:18** Rzs 11.31

# 5

*O Andranavio naho o Ajalahio*
1 Aa le osiheko o mpiaolo fivory ama’ areoo, amy maham-piaolo ahy naho
valolombeloñ’ amy nijalea’ i Norizañey vaho mpitraok’ amy engeñe haboakey:
2 ampiandrazo i lia-rain’ Añahare ama’ areoy; sario—tsy aman-jizy, fa an-dozoke
sitran’ Añahare; tsy ipaiam-bokañe, fa an-kahimbañañe; 3 tsy sengean-kery o
nampifeheañe anahareoo, fe ano ze hitsikombea’ i lia-raikey. 4 Le ie miboake i Talèm-
piarakey, le ho rambese’ areo i sabakan-engeñe tsy hikò-mavoy. 5 O ry ajalahio,
manahake zay, miandalia amo mpiaoloo, naho songa mifampiambanea, vaho aombeo
ty hatrentram-po; amy te:
Zeharen’ Añahare o mpirengeo
fe atariha’e o mpirèkeo.* 6 Mitaketraha arè ambanem-pitàn’ Añahare maozatse, fa
honjone’e ami’ty andro mañèva. 7 Afetsaho ama’e iaby ze fihakahakà’ areo,
fa hiferenaiña’e. 8 Miliera vatañe le mahimbaña, fa mitingatinga mbaombao
hoe liona mireñetse i rafelahi’ areoy, i mpañìnjey, mipay ty havorembòre’e.
9 Kalaño am-patokisañe migahiñe, fohiñe te songa ampisoañeñe hoe zay
ka o longo’ areo an-tane atoio. 10 Ie fa nalovilovy betebete nahareo, le i
Andrianañahare’ o hene hasoaoy, i nikanjy anahareo ho amy enge’e tsy modo
amy Norizañey aoiy, ro hañeneke naho hamente naho hampaozatse, vaho
hampijadoñe anahareo. 11 Aze ty fifeheañe nainai’e donia. Amena.

*Fisalamañe Fara’e* 12 I Silasy, rahalahy migahiñe amako, ty nisokirako boriborike
zao, ho fañosihañe, naho fitaroñañe te zay ty toe hasoan’ Añahare ijohaña’ areo.
13 Mañontane anahareo o e Babilona nitrao-pijoboñañe ama’ areoo, naho i Marka,
anako. 14 Mifanalamà añ’ondrom-pikokoañe. Fañanintsiñe ama’ areo iaby amy
Norizañey.

---

* **5:5** Rzs 3.34

# Petera II

1 I Simeona Petera, fetrek’oro naho Firàhe’ Iesoà Norizañey,
Ho amo fa nandrambe fatokisañe mirai-hasiñe ami’ty anay, añamy havantañan’
Añahare naho i Mpandrombak’ antikañeio—Iesoà Norizañey:
2 Hasoa naho fañanintsiñe hiregorego ama’ areo handrendrehañe
an’Andrianañahare naho Iesoà Talèntikañey.

*Ty Fikanjiañe naho ty Fijoboñañe*

3 Oniñe te i haozaran’ Añaharey ty nanolotse antikañe ze hene paiaeñe ami’ty
haveloñe toy naho ami’ty fiambenañe Hake am-paharendrehañe to ie nikanjy antika
ho ami’ty enge’e naho ty hasoa’ey. 4 Ie ro nanolora’e an-tika o fampitamañe jabajaba
naho sarotseo, soa t’ie ama’e ro hitraok’ ami’ty vintan’ Añahare naho fa nibolitits’
amo drao-lo’ ty voatse toio. 5 Ie amy zay, milozoha hatovon-kavañonañe ami’ty
fatokisa’areo naho hilala amy havañonañey, 6 naho filieram-batañe amy hilalay
naho fahaliñisañe amy filieram-batañey naho fiasian-Kake amy fahaliñisañey 7 naho
firañetañe amy fiasiañey vaho fikokoañe amy firañetañey. 8 Aa ie ama’ areo vaho
miraorao, ro isebaña’e tsy halejolejo tsy ho po-bokatse ami’ty faharendrehañe i
Talèntika Iesoà Norizañey. 9 F’ie tsy ama’e, le rìpeke, toe fey, amy te nandikofa’e
ty nañeferañe aze amo hakeo taoloo. 10 Ie amy zao ry longo, imaneo an-joton-tro
ty hañatò i fikanjiañe naho fijoboñañe* anahareoy, amy t’ie mitoloñe am’ irezay,
le lia’e tsy hitsikapy, 11 vaho hatobake ama’areo ty fizilihañe am-Pifehea-tsy modo’ i
Talè naho Mpañàha an-tika, Iesoà Norizañey.

*Ty Fitokiañe amo Sokitse Masiñeo*

12 Aa le tsy hapoko t’ie ho tiahieñe am’irezay ndra te fa fohi’ areo vaho ijohaña’
areo ami’ty hatò ze ama’ areo henaneo. 13 Eka ataoko mañeva ty hañetseketseke
ty fitiahia’ areo, zaho mbe an-kiboho’ ty tsandriñe atoañe, 14 fa apotako te hadoko
aniany ty kibohotse toy, amy nampalangesa’ i Talèntika Iesoà Norizañey amakoy.
15 Aa le imaneako te zaho fa nonjoneñe añe, ty hahatiahia’areo nainai’e irezay.
16 Tsy nañorike talily finoromporom-pañahy te nampandrendreha’ay ama’areo ty
haozarañe naho fitotsaha†’ i Talèntika Iesoà Norizañey, f’ie valolombeloñe nahaisake
i enge’ey, 17 ie nandrambe hasiñe naho engeñe aman’ Añahare Rae, naho niheo ama’e
i fiarañanañañe boak’ amy Engem-bolonahetseiy, nanao ty hoe:
Intoy ty Anak’ isoko, O toe norokoo.‡
18 Tsinano’ay i fiarañanañañe boak’ andindìñe ey, t’ie nindre ama’e amy vohitse
miavakey.
19 Toe aman-tika o tsaram-pitoky niventeñeo, le mahasoa anahareo ty hitsendreñe,
hoe t’ie jiro mireandreañe am-pimoromoroñañe ao, ampara’ te manjirike i àndroy
vaho mionjoñe i misaron-kazavañey§. 20 Le maharendreha hey añ’arofo ao te tsy
amy sokitse masiñey ty fitokiañe niboak’ ami’ty fisafiria’ ondaty. 21 Amy te mbe lia’e
tsy nanoeñe ami’ty zoton-tro’ ondaty ty fitokiañe, fe ondaty nentoe’ i Arofo-Masiñeio
t’i ninday taroñe boak’ aman’ Añahare.

# 2

*O Mpañoke Sare’eo*

* **1:10** Mat 20:16, 22:14, Ben 17:14 † **1:16** Mar 9:1 ‡ **1:17** Mat 17.5 § **1:19** Mik 4:1-3, Mar 9:3

1 Fe nitraoke am'ondatio o mpitoky sare'eo*, manahake te ho ama' areo ao o
mpañoke sare'e hanjilike fañòhañe maharotsake añ' etakeo, ho liere' iareo i TALÈ
nivily iareoy, toly ndra hivovoan-karotsahañe masìka. 2 Le maro ty hañorike o drao-
tsivoka' iareoo, le ho sirikaeñe ty am' iereo i lalan-katòy, 3 naho amy hatitia' iareo,
ho haramamoe' iereo an-drehake manigike, fe tsy mihenekeneke i namàrañe iareo
haehaey, vaho tsy miroro ty fandrotsahañe iareo. 4 Fa kanao tsy nengan' Añahare
o anjely nandilatseo, le nafetsa'e an-tsikeokeok' ao, vaho nasese'e an-tsilisily mb'
an-kamoromoroñañe ao handiñe zaka; 5 tsy nihevea'e i voatse taoloy fe rinomba'e
t'i Noe, ie valo, mpitaron-kavantañañe, le nempoempoe'e i tane-bey tsy aman-
Kàkey; 6 toe nafà'e ho rotsake ka i rova Sodoma naho Gomora rey ie finorototo'e ho
lavenoke, ho fañòhañe o ho veloñe tsy aman-Kake mandimbe iareoo; 7 le rinomba'e
t'i Lota vañoñe, ze nembere' ty halò-tseren-kavelo' o tsivokatseo† 8 ie nahaisake naho
nahajanjiñe o sata' iareo tsivokatseo handro an-kandro nahalovilovy ty arofo-vaño'
indaty vantañe nimoneñe am'iereoy. 9 Arofoana' i TALÈ ty handrombake o vantañeo
amo fitsohañeo vaho hañajà o tsivokatseo ho an-jaka, ho lilovañe, 10 mentsake o
mampilomolotse i nofotsey ami'ty drao'e tiva malain-ko fehèñeo, ie mijaranjaràñe,
manao tsi-nahi'e, vaho tsy mitititititike te mañoratse o aman' engèñeo; 11 fe ndra
o anjelio, ie milikoatse an-kaozarañe naho hafatrarañe, tsy manisý iareo an-jaka
añatrefa' i TALÈ. 12 F' iretia, le hoe biby tsy mahatsakore, naterake ho tsepaheñe
naho lentàñe, miteratera o amoea' iareoo, ho mongoreñe ami'ty fandrotsahañ'
iareo, 13 ho valèm-boiñe mañeva ty hatsivokara'e. Tea' iareo ty miagarègañe
antoandro. Hàndra naho pepo, mitsotsefotse ami'ty famañahia' iareo te mitrao-
pikama ama'areo. 14 Ama-maso pea hakarapiloañe, le lia'e tsy etsa-pandilarañe;
mpampandifike o maletroletroo, an-troke naòke am-patitia-mena, anake nafàtse!
15 Nado' iereo i lalañe mahitiy, nitsile mb'an-dala' i Balama ana' i Beora mpitea ty
tamben-katsivokarañe 16 F'ie nendahañe ty amy fandilara'ey, naho nivolañe am-peo'
ondaty i borìke moañey hanebañe ty hadagòla' i mpitokiy.

17 Lohan-drano maike iereo, mika aronjen-tio-bey, nañajàñe añ'ieñe mimoro-
moroñe tsy modo. 18 Ie mivolan-kòak' an-tsenge, misarike iareo an-drao-rati' o
nofotseo naho am-pañiriañe lo, o didý tsy nahabotitsike amo mañavelo an-tahiñeoo,
19 mampitamà fierañerañañe, te mone ondevon-katsivokarañe, amy te ondevoze'
ty mamahotse aze t'indaty 20 Aa ie nihaha amo haloloa' ty voatse toio ami'ty
faharendrehañe i Talè Iesoà naho Mpandrombake Norizañey, naho mbe mifehefehe
amy rezay indraike vaho mivahotse ao, le lombolombo' i tam-balòha'ey ty haloloañe
henane zay. 21 Ho nisoa t'ie tsy naharendreke i lalan-kavañonañey, ta te nanjo vaho
niamboho i lily‡ masiñe natolotsey. 22 Toe ho a iareo ty oha-drehake manao ty hoe.
Mimpoly ami'ty loa'e ty amboa§
naho mb'am-pilomoloràñe am-potak' ao i renen-dambo sinasay.

# 3

*Ty Andro'i TALÈ*

1 O rañetse, intoy ty taratasiko faharoe nisokirako hampitsekake an-tiahy ty
fitsakorean' arofo' areo ki'e, 2 haniahy i saontsy nampisaontsieñe o mpitoky
miavakeo taoloy naho i nandilia' i TALÈ, toe Mpandrombakey, añamo Firàhe' areooy.
3 Maharendreha hey te hivotrake eo amo andro honka'eo o mpanivetiveo hanivetive,
hañorike ty drao-rati'e; 4 hanao ty hoe: Aia ze o fampitamañe i fitotsaha'e zao? fa
sikal' ami'ty nirotan-droae'ay le kila mitoloñe ami'ty fanoe'e hirik'ami'ty fifotora'

* 2:1 Pe II 2:7-8, 21, Mat 7:15-23 † 2:7 Pe II 3:17 ‡ 2:21 Ti I 6:14, Its 17:20, Sab 19: § 2:22 Rzs 26:11

ty voatse toy. [5] Ie ifahara'e, le amoea'e te nampiboak' o likerañeo haehae i tsaran'
Añaharey*, naho boak' an-drano vaho añivo rano ty nañoreñañe ty tane toy; [6] ie ty
nandrotsahañe ty tane toy tañ' andro zay, ie niepoepoen-drano. [7] Le ty amy tsaray,
mihaja ho ami'ty afo o likerañeo naho ty tane toy henaneo, ho amy androm-pizakañe
naho fandrotsahañe ondaty lo-tserekeoy. [8] O rañetse, ko amoea' areo itoy,
te hoe arivo taoñe ty andro raike amy Talè ,
le hoe andro raike ty arivo taoñe.† [9] Tsy malaoñe amy nampitamae'ey t'i Talè, ami'ty
fanoe' ty ila'e ty hoe malaoñe; f'ie mahaliñe an-tika, tsy satri'e te ndra iaia ty ho
momoke, fa te songa hisoloho‡. [10] Ho tondroke hoe mpikizo an-kaleñe ty andro'
i Talè, ie hihelañe añe o likerañeo am-pitraontraoñañe, le kila ho tomontoe' ty
hamae vaho ho forototoe' ty afo ty tane toy naho o fitoloña'eo. [11] Aa kanao hene
hiteno, h'ondaty manao akore v'inahareo am-pañaveloañe miavake vaho am-
pañambenañe Hake? [12] ie mitamà naho manaentàeñe i andron' Añaharey,
ama'e ty hamorototoe' ty afo o likerañeo, vaho fonga hitranak' ami'ty hamae'e.
[13] Fe ty amy nampitama'ey, le misalala likeram-bao naho tane vao§ imoneñan-
kavantañañe tika. [14] Ie amy zao ry rañetse, kanao liñisañe, imaneo ty
hahavazohoa'e anahareo an-kazavan-troke tsy aman-kandra tsy aman-kakeo.
[15] Itsakoreo te fandrombahañe ty fahaliñisa' i Talèntikañey, hambañe amy
nisokira' i Paoly rahalahin-tika sarotsey amy hihitse natolots' azey; [16] ie
mitaroñe i entañe zay amo hene taratasi'eo. Toe ao ty tsy mora rendreke*
ie vandibandire' o bàdo naho mañali-foo, hambañe ami'ty fanoa' iareo o
sokitse masiñe ila'eo, himomoha' iareo. [17] Aa kanao fohi' areo aolo ry rañetse,
le mitaoa tsy hikapotrake ty figahiña'areo, hampandridrihe'e ty fandilara'
o tsereheñeo, [18] F'ie mitomboa ami'ty hasoa naho ami'ty faharendrehañe i
Talèntika Iesoà Mpandrombake Norizañey. Ama'e ty engeñe henaneo naho
pak' an-tsa tsy modo! Amena.

* **3:5** Heb 11:3 † **3:8** Sab 90:4 ‡ **3:9** Ti I 2:4 § **3:13** Ies 65:17, 66:22 * **3:16** Ko II 11:6

# Jaona I

*O Tsaran-Kaveloo*

1 Tam-pifotorañey i Tsaran-kaveloñey, ie i jinanji'aiy, niisam-pihaino'aiy,
nisambà'ay naho tsinapa-pità'aiy. 2 (Fa naboake i haveloñey le niisa'ay, naho
mitalily, vaho itaroña'ay i haveloñe nainai'e aman-dRae ao vaho nabentatse ama'aiy.)
3 Taroñe'ay ka o niisa'ay naho jinanji'aio, soa te hitrao-drehak' ama'ay nahareo. Toe
miharo rehak' aman-dRae naho amy Ana'e IESOÀ Norizañey zahay. 4 Isokira'ay o
raha zao, hañenefañe ty haeha'areo.

*Mañaveloa amo Hazavañeo*

5 Zao ty entañe nijinanjiñe'ay naho itaroña'ay, Toe Hazavàñe t'i Andrianañahare;
ie tsy aman' ieñe, ndra loli'e. 6 Naho mihàboke t'ie mitrao-drehak' ama'e fe
mañavelo amy ieñey ao, le mandañitse, tsy mañavelo an-katò. 7 F'ie mañavelo
an-kazavàñe, amy te Ie ro an-kazavàñ' ao, le mitrao-drehake tika vaho liove' ty lio'
IESOÀ Ana'e amy ze fonga tahiñe. 8 Aa naho mieva t'ie tsy aman-kakeo le mamañahy
vatañe, vaho tsy aman-tika ty hatò. 9 Ie miantoke hakeo, le migahiñe naho vantan-
dre hañaha o tahin-tikañeo, hañaliova'e amy ze fonga hatsivokarañe*. 10 Ie manao
te mb'e lia tsy nanao hakeo le mampandañitse aze vaho tsy aman-tika o tsara'eo.

## 2

1 Ry keleiakoo, isokirako o raha zao tsy handilara' areo. Aa naho eo ty mandilatse,
le manam-pañalañalañe aman-dRae tika, IESOÀ Norizañey, i Vantañey. 2 Ie ty
fañeferañe o hakeon-tikañeo, tsy ty antikañ' avao fa a ty voatse toy iaby. 3 Zao
ty aharendrehañe t'ie mahafohiñe aze, le t'ie mañambeñe o lili'eo*. 4 Ie manao
ty hoe: Fantako re, fe tsy mañambeñe o lili'eo ro remborake, vaho tsy ama'e ty
hatò. 5 Aa ndra ia ia mañambeñe o tsara'eo, le fonitse† ama'e ao ty fikokoañe an'
Andrianañahare. Zao ty ahafohinañe t'ie ama'e‡: 6 ze manao te mimoneñe ama'e ao,
tsy mahay tsy mañavelo amy fañaveloa'ey. 7 O ry rañetseo, tsy isokirako lily vao,
fa i lily haehae tama' areo am-pifotorañ' añey. I lily taoloy i tsara jinanji' areoy§.
8 Tovo'e, isokirako lily vao, ze tò ama'e naho ama' areo, amy te mihelañ' añe i ieñey
vaho mireandreañe i toe hazàvañey. 9 Ze manao te an-kazavañe f'ie malain-dongo
le mbe añ'ieñe ao. 10 Mimoneñe an-kazavañe ao ty mikoko rahalahy, le tsy ama'e
ty hahatsikapy aze. 11 Fe añ' ieñe ao ty malain-dongo le an-kamoromoroñañe ao ty
andenà'e, vaho alik' ama'e ty hombà'e fa nigoà' i ieñey o maso'eo. 12 Manokitse ama'
areo raho ry keleiako, fa votso-kakeo añamy tahina'ey.
13 Manokitse ama' areo raho ry aba,
amy te fohi' areo i boak'am-baloha'ey.
Manokitse ama' areo raho ry ajalahio,
fa nahagioke i ratiy.
Nanokitse ama' areo raho ry kabìy,
amy te mahafohiñe an-dRae.
14 Nanokitse ama' areo raho, ry aba,
amy te fohi' areo i boak'am-baloha'ey.
Nanokitse ama' areo raho ry ajalahy,
amy te maozatse,

* 1:9 Iir 31:34 * 2:3 Jn I 3:6 † 2:5 Fot 17:1, Sab 119:1, Mat 5:48 ‡ 2:5 Jn I 3:24 § 2:7 Jn I 2:24

naho mimoneñe ama' areo ao
o tsaran' Añahareo,
vaho fa nahareketse i ratiy. 15 Ko mikoko ty voatse toy, ndra o raha ami'ty voatse
toio. Naho eo ty mikoko ty voatse toy, tsy ama'e ty fikokoan-dRae*. 16 Toe tsy
boak' aman-dRae fa hirik' ami'ty voatse toy ze an-tane atoy iaby—ty hadrao'
o nofotseo, ty fihañam-pihaino naho ty fisengean-kaveloñe.— 17 Fa mihelañe
añe ty voatse toy naho o ìna rati'eo, fe ho veloñe nainai'e ty manao o satrin'
Añahareo.

*o Mpiteti' i Norizañeio* 18 Ry keleiako, fa sa sahengaha'e toy; ie nahajanjiñe te
ho avy i norizam-bìlañey, toe maro ty norizam-bìlañe pok'eo henaneo. Zay ty
aharendrehañe t'ie fa sa honka'e. 19 Nienga an-tika iereo, fa toe tsy nimpiaman-
tika. Naho toe ni-mpitraok' aman-tika le mbe ho ni-mpiaman-tikañ' avao; fa zay ty
mampidodea te tsy ni-mpiaman-tika. 20 Fa nanàvoñe anahareo i Masiñey, vaho hene
fohi'areo. 21 Tsy t'ie tsy mahafohiñe ty hatò ty nisokirako fa t'ie mahafohiñe, vaho tsy
amam-bande ty hatò. 22 Ia ty remborake naho tsy ty mandietse te IESOÀ i Norizañey.
Norizam-bìlan-dre, mpitety an-dRae naho i Anakey. 23 Tsy aman-dRae ze mitety i
Anakey; aman-dRae ka ze miantoke i Anakey. 24 Aa le ampimoneño ama' areo ao i
jinanji' areo tam-baloha'ey. Ie imoneña' i jinanjiñe am-baloha'ey, le himoneñe amy
Anakey naho aman-dRae ao nahareo. 25 Zao i nampitamae'e antikañey, le i haveloñe
nainai'e tsy modoy. 26 Nisokireko ama' areo irezao ty amo mipay hamañahio. 27 F'ie,
toe imoneña' i Fanavonañe niazo' areo ama'ey, le tsy ipaiañe ka te hatoro ondaty, fa
hitoroa' i Fanavona'ey ze he'e, ie ro to, fa tsy vande—aa ty amy nañòha'e anahareoy,
le imoneño.

*Anak'Andriananãhare* 28 Ie amy zao ry keleiako, imoneño, hahatokisan-tika amy
fiboaha'ey, tsy hitsolofiñe an-kasalarañe te totsake. 29 Kanao rendre' areo t'ie
vantañe, le fohi' areo te hene mitoloñe ami'ty fahiti'e ze anake nampiareñe'e†.

## 3

1 Inao, ty hara'elahim-pikokoañe nitoloran-dRae, t'ie atao anak' Andriananãhare!
Toe izay ty foto' tsy ahafohina' ty voatse toy an-tika, amy t'ie tsy nahafohiñ' aze. 2 Ry
rañetse, anan' Añahare tika henaneo, fe mbe tsy nabentatse t'ie ho inoñe. Fe fohin-
tika t'ie misodehañ' eo, le ho hambañe ama'e tika, ie ho onin-tika ami'ty vinta'e. 3 Aa
ndra ia ia ty mitamañe zay, le mañalio vatañe, hambañe amy te ie ro malio.
4 Ndra ia ia mitolom-pandilatse ro mañota Hake; toe tahiñe ty fandilarañe Hake.
5 Fa fohi' areo t'ie niboake hañaha o hakeon-tikañeo; ie tsy aman-tahiñe. 6 Tsy
mitolon-kakeo ze mimoneñe ama'e ao. Tsy mitolom-pandilatse ze nahaisak' aze naho
mahafohiñ'aze*.
7 O keleiakoo, asoao tsy ho fañahie' ondaty. Vantañe ty mpitolon-kavantañañe,
hambañe amy te Ie ro vantañe†. 8 Mpiamy mpañìnjey ze mandilatse avao, amy te
mpandilatse boak' am-baloha'e i mpañìnjey. Niboake i Anan' Añaharey handrotsake
o sata' i mpañijeio‡. 9 Tsy mitolon-kakeo ty nasaman' Añahare, amy te mimoneñe
ama'e ao i doria'ey, vaho tsy hai'e ty mandilatse, amy t'ie nasaman' Añahare. 10 Zao
ty mampalange o anan' Añahareo naho o ana' i mpañìnjeio: tsy anan' Añahare ty
tsy mpanao havantañañe§ naho ty tsy mikoko rahalahy.
11 Inao i entañe jinanji' areo am-baloha'ey: t'ie hifampikoko, 12 tsy manahak'
i Kaina nimpiamy ratiy, ie namono an-drahalahi'e. Aa ino ty talim-pamonoa'e
aze? Ie niraty sata, vaho nivantañe o an-drahalahi'eo. 13 Ko latsa, ry longo, naho

---

* **2:15** Iak 4:4 † **2:29** Jn I 3:7-10, 5:4,18 * **3:6** Jn I 2:4, Jn III 1:11 † **3:7** Jn I 2:29 ‡ **3:8** Tit 2: § **3:10** Jn III 1:11

malaiñe anahareo ty voatse toy*. 14 Fohin-tika te, nienga i havilasiy homb' an-
kaveloñe ao tika mpikoko longo. Mimoneñe an-kavilasy ao ty tsy mikoko. 15 Ndra
ia ia malain-dongo ro mpamono ondaty, le fohi' areo te tsy imoneñan-kaveloñe
nainai'e ty mpañoho-doza. 16 Inao ty aharendrehan-tika fikokoañe: toe ie namoe-
ay ho an-tika. Aa le hamoe-ay ho an-drolongo ka tika. 17 Ze manañe ty vara' ty
voatse toy, ie mahaoniñe ty paia' i longo'ey, naho mampigaben-troke, aia te ho
ama'e ty fikokoan' Añahare. 18 Ry keleiakoo, asoao tsy hikoko an-tsaontsy ndra
am-pameleke avao, fa an-tsata naho hatò. 19 Inao ty aharendrehan-tika te mpiama'
ty hatò, hampazava troke añatrefa'e eo, 20 ie sisien-troke, jabajaba te amo arofon-
tikañeo t'i Andriananañahare, kila arofoana'e. 21 Ry rañetse, naho tsy mamàtse antika
o tron-tikañeo, le mirearea mahafañatreke an' Andriananañahare, 22 le ndra inoñ'
inoñe ihalalian-tika, ho rambeseñe, amy t'ie mpañambeñe o lili'eo vaho manao ze
mahafale am-pivazohoa'e†. 23 Inao ty lili'e: te atokisan-tika i tahinan' Ana'e, Iesoà
Norizañey, naho hifampikoko, hambañe amy nandilia'ey. 24 Mimoneñe ama'e ao ze
mpañambeñe o lili'eo, naho ie ro ama'e ao. Le ty ahafohinan-tika te imoneña'e, i
Arofo'e natolo'e aman-tikañey‡.

# 4

*Tsoho o Arofoo*

1 Ry rañetse, ko fonga iantofañe ze atao fañahy, fe mitsohà arofo, ke boak' aman'
Añahare, amy te maro ty mpitoky vìlañe miboele ami'ty voatse toy. 2 Inao ty
aharendreha' areo i Arofon' Añaharey: ze troke miantoke te nitotsak' ami'ty nofotse
t'Iesoà Norizañe ro aman' Añahare; 3 fe tsy aman' Añahare ze troke tsy miantoke
te niboak' an-tsandriñe t'Iesoà, ie ro amy mesia-vìlañey, i jinanji' areo te ho aviy,
vaho fa ami'ty voatse toy henaneo. 4 Boak' aman' Añahare nahareo ry keleiako, le fa
nahagioke; amy te jabajaba i ama' areoy ta ty ami'ty voatse toy. 5 Mpiami' ty voatse
toy iereo, naho manao ty reha' ty voatse toy, vaho itsanoña' ty voatse toy. 6 Boak'
aman' Añahare tika. Mijanjiñe antikañe ze mahafohiñe an' Andriananañahare; tsy
mijanjiñe antika ze tsy mpiaman' Añahare. Inay ty aharendrehan-tika ty Arofon-
katò naho i fañahin-dilatsey.

*Ty Fikokoan'Añahare naho ty Antikañe* 7 Ry rañetse, antao hifampikoko, fa
boak' aman' Añahare ty koko. Ndra ia ia mikoko, le nampiareñen' Añahare vaho
mahafohiñe an' Andriananañahare. 8 Ndra ia ia tsy mikoko, le tsy mahafohiñe
an'Andriananañahare, amy te fikokoañe t'i Andriananañahare. 9 Inao ty mampidodea
ty fikokoan' Añahare aman-tika: toe nirahen' Añahare mb'ami'ty voatse toy
i bako-toka'ey hiveloman-tika. 10 Inao o fikokoañeo: tsy te itika ro nikoko
an'Andriananañahare fa Ie hey ro nikoko an-tika vaho nañitrike i Ana'ey hañefetse
o hakeon-tikañeo. 11 Ry rañetseo, kanao zay ty nikokoan' Añahare antika, ehe te
hifampikoko ka. 12 Leo raike tsy nahaisak' an' Andriananañahare ndra mbia' mbia,
f'ie mifampikoko le mimoneñe aman-tikañ' ao t'i Andriananañahare, naho fonireñe
aman-tikañ' i fikokoa'ey. 13 Inao ty aharendrehan-tika te mimoneñe ama'e, naho
ie amantika, le t'ie nandiva i Arofo'ey aman-tikañe. 14 Fa niisa'ay naho mitaroñe
te nahitrin-dRae i Ana'ey, Mpandrombake ty voatse toy. 15 Ze mitaroñe Iesoà t'ie
Anan' Añahare, le mimoneñe ama'e ao t'i Andriananañahare naho aman' Añahare
ao re. 16 Fa fohintika naho atokisañe ty fikokoan' Añahare an-tika. Fikokoañe t'i
Andriananañahare, naho mimoneñe aman' Añahare ao ze mimoneñe am-pikokoañe
ao, vaho ama'e ao t'i Andriananañahare. 17 Inao ty mahaañoñe o fikokoan-tikañeo,

* **3:13** Jao 15:18-19, 17:14 † **3:22** Rzs 28:9, Jao 9:31, Jak 5:16 ‡ **3:24** Jao 14:23-24, Top 5:32, Rom 8:7-11

hahafirearean-tika amy andron-jakay, t'ie mihambañe ama'e an-tane atoy. [18] Tsy
aman-kebahebake ty hatea, le mandroake anifañe ty koko ki'e, fe mioza lovelove ty
hemba; mbe tsy fonitse koko ty marimarike. [19] Mikoko tika, amy te Ie hey ro nikoko
an-tikañe. [20] Naho eo ty manao: Kokoako t'i Andriananãahare, f'ie malain-dongo,
ro mpandañitse; amy te aia ty hahafikokoa'e an'Andriananãahare tsy isa'e naho tsy
kokoa'e hey ty longo'e trea. [21] Inao ty nandilia'e an-tika: Tsy mete tsy mikoko longo
ty mikoko an'Andriananãahare.

# 5

*Fatokisañe amy Anan'Añaharey*

[1] Ndra ia'ia miantoke te Iesoà i Norizañey, le nampiareñen' Añahare; mikoko i
nampiareñe'ey ze mikoko i Nampiareñey. [2] Zao ty aharendrehan-tika te mikoko o
anan' Añahareo tika: ie mikoko an' Andriananãahare naho mañambeñe o lili'eo.
[3] Inao ty fikokoañe an' Andriañahare, t'ie mañambeñe o lili'eo*, tsy mavesatse o
lili'eo. [4] Mpandreketse ty voatse toy ze nampiareñen' Añahare; zao ty fandreketañe
mahagioke ty voatse toy: ty fatokisan-tikañe. [5] Ia ty mahareketse ty voatse toy? naho
tsy i miantoke te Iesoà ro Anan' Añaharey. [6] Intoy ty nitotsak' atoy ami'ty rano
naho ty lio, Iesoà Norizañey; tsy an-drano avao, fa an-drano naho lio. I Arofoy ro
mitaroñe, le tò i Arofoy. [7] Telo ty mitaroñe: [8] i Arofoy, naho ty rano, naho ty lio;
vaho mitrao-drehake i telo rey. [9] Aa naho non-tika ty enta' ondaty, lombolombo zay
ty taron' Añahare, fa zao ty taron' Añahare, t'ie nitaroñe i Ana'ey. [10] Toe añ'ova'
ty miato amy Anan' Añaharey i taroñey, fe nanao aze ho mpandañitse ze tsi-miato
amy anan' Añaharey, ami'te tsy atokisa'e i nitaroñen' Añahare i Ana'eiy. [11] Zao i
taroñey te tinolon' Añahare haveloñe nainai'e tika; vaho amy Ana'ey i haveloñe zay.
[12] Aman-kaveloñe ty manañe i Anakey; tsy aman-kaveloñe naho tsy ama'e i Anan'
Añaharey.

*Figadoña'e* [13] Nanokitse izay ama'areo mpiato amy tahinan' Anan' Añaharey raho,
haharendreha' areo t'ie aman-kaveloñe nainai'e. [14] Inao ty fatokisan-tika añatrefa'e,
t'ie mihalaly ndra inoñ' inoñe an-tsatri'e le ijanjiña'e. [15] Aa ie fohin-tika te hene
janji'e o ihalalian-tikañeo, le atokisan-tika te fa aman-tika i nihalaliañey. [16] Naho
eo ty mahaoniñe te nanao hakeo tsy mahakoromake i longo'ey, naho ihalalia'e, le
ie ty hanoloran' Añahare haveloñe amy aman-kakeo tsy mahahomakey. Toe ao ty
tahiñe mahavetrake; tsy manao ty hoe raho t'ie ty ihalaliañe. [17] Fonga hakeo ze tsy
an-kahiti'e, fe eo ty tahiñe tsy mahakoromake. [18] Fohin-tikañe te tsy mandilatse ka ze
nasaman' Añahare†; fa arovan' Añahare i nasama'ey, tsy ho paohe' i Ratiy‡. [19] Fohin-
tika t'ie aman' Añahare, fe fonga fehè' i ratiy ty voatse toy. [20] Fohin-tika te nivotrak'
atoy i Anan' Añaharey, naho nampandrendrek' antika hahafohinan-tika i Vantañey,
naho t'ie amy Vantañey, toe amy Ana'e Iesoà Norizañey. Ie t'i Andriananãahare to
naho haveloñe nainai'e. [21] O keleiakoo, ifoneño ty fahasive§.

---

* **5:3** Jn I 5:2, Jn II 1:6, Jao 14:15 † **5:18** Jn I 3:6-9 ‡ **5:18** Jn I 4:4 § **5:21** 1 1Ko 10:14

# Jaona II

1 I Zokey,
Ho ami'ty rakemba jinoboñe naho o ana'eo, o kokoako an-katòo; le tsy zaho avao,
fa ze hene mahafohiñe ty hatò, 2 ie i hatò mimoneñe aman-tikañe vaho ho aman-
tikañe nainai'ey. 3 Hasoa naho fiferenaiñañe vaho hanintsiñe aman-tika boak' aman'
Añahare Rae naho hirik' am' IESOÀ Norizañey, anan-dRae, an-katò naho an-koko.
4 Vata'e nahaehak' ahy te nahatrea o ana'o ila'eo nañavelo ami'ty hatò, do'e amy
nandilian-dRae antikañey. 5 Mañontane azo raho, rakemba, tsy t'ie isokirako lily vao,
fa i tàman-tika am-baloha'ey, t'ie hifampikoko. 6 Zao o fikokoañeo, t'ie mañavelo am-
pañambenañe o lili'eo*. Inao i liliy, hañaveloa' areo amy jinanji' areo tam-baloha'ey.
7 Maro ty mpamañahy fa niboele ami'ty voatse toy ze tsy miantoke te niavy an-
tsandriñe t'IESOÀ Norizañe. Zay i mpamañahiy, i norizam-bìlañey. 8 Mitaoa tsy ho
motso ty nifanehafan-tika, soa t'ie handrambe tambe heneke. 9 Ndra ia ia milosotse
tsy mimoneñe amy fañòha' i Norizañeiy, le tsy ama'e t'i Andriananañahare†; f'ie
mifahatse amy fañòhañey, le ama'e t'i Rae naho i Anakey‡. 10 Aa ndra ia ia mitilik'
azo tsy minday i fañòhañe zay, ko anoe'o añ'anjomba, vaho ko añontanea'o, 11 amy
te mpitraok' amo sata-rati'eo ze mañontane aze.
12 Aa ndra te maro ty ho nisokirako, tsy teako t'ie an-taratasy naho rano-mainte,
fe salalaeko ty hitilike vaho hifañaoñe ama'o naho hifañatreke hampahaeneñe o
haehan-tikañeo. 13 Mañontane azo o ana-drahavave'o jinoboñeo.

---

* 1:6 Jn I 5:3, Jao 14:15 † 1:9 Ti I 6:3 ‡ 1:9 Jn I 1:3, 2:22, 5:20

# Jaona III

1 I Zokey,
Ho an-drañeko Gaio, ikokoako an-katò.
2 O rañetse, mitat'azo raho, lonike t'ie hiraorao naho ho jangañe, mira amo
fanintsiñan' arofo'oo. 3 Akore ty hafalean-troko, te niloneak' atoy o rolongoo nitaroñe
ty hatò ama'o ao, ty fañaveloa'o an-katò. 4 Tsy eo ty mahaehak' ahy mandikoatse
zao, t'ie mahatsanoñe te mañavelo an-katò o anakoo.
5 O rañetse, migahin-drehe amo hene fañimbà'o an-drolongoo antsak' amo
ambahinio. 6 Fa nitalilie' iareo añatrefa' i Fivoriy ty fikokoa'o. Aa le mahasoa azo
t'ie ampionjone'o mañeva an'Andrianañahare, 7 amy te i Tahina'ey ty niavota' iareo
mb'eo tsy nandrambe ndra inoñ' inoñe amo kilakila ondatio. 8 Aa le mete aman-tika
ty mañimba ondaty hoe zaio, hitraofan-tika fitoloñe ami'ty hatò.
9 Nisokireko i Fivoriy, fe tsy mandrambe ty enta-tika t'i Diotrefa, ie te ho mpiaolo
añivo' iereo. 10 Aa naho mb'eo raho le hampanohineko aze o sata anoe'eo ie
manambaitambaiñ' antika. Mbore tsy mahaeneñe aze, kanao mitoky tsy handrambe
o rahalahio, naho sebañe'e o te hanao zaio, toe aitoa'e amy Fivoriy. 11 O rañetse,
ko mitsikombe ty raty fa ty soa. Boak' aman' Añahare ty manao soa; tsy nahaisak'
an' Andrianañahare ty mpanao raty*. 12 Hene mitalily soa i Demetrio, naho ty hatò,
naho onjone'ay amy taro'aiy vaho fohi'o te to ty taro'ay.
13 Maro ty ho nisokirako, fe tsy teako t'ie an-taratasy ndra rano-mainte te sokireñe.
14 Misalala hahatrea azo te aniany, hifañòhahohàn-tika laharañ' an-daharañe.
Hanintsiñe ama'o. Mañontane azo o rañetseo. Añontaneo an-tahinañe o rañetseo.

* **1:11** Jn I 3:6-10

# Joda

1 I Joda, fetrek'oro' Iesoà Norizañey naho rahalahi' Iakobe, Ho amo nikanjieñe, nambahan' Añahare Rae naho tambozoreñe am' Iesoà Norizañeio. 2 Ampitoaboreñe ama' areo ty fitretrezañe naho ty fañanintsiñe vaho ty fikokoañe.

3 Ry roañetse, nilozoheko sokitse i fandrombahañe itraofañey, fe inao ty nataoko: hàmake hañosik' anahareo himane i fatokisañe natoro amo noro'eo indraike nahahenekey. 4 Amy te ao t'indaty nitsifitse añetake, ie nipatereñe haehae ty fàtse hizò iareo, ie tsy mañaon-Kake*, mamotetse ty hasoan' Añaharen-tika ho an-kaloloañe vaho mitety Iehovà Andriananañahare tsi-roe-tsi-telo naho i Talèntika, Iesoà Norizañey.

5 Te haniahy anahareo raho, toe hene nifohi' areo hey, te ie rinomba' i Talè ondaty an-tane' Egipte añeo, le nimongore'e o tsi-niatoo, 6 naho nitambozore'e an-drohy tsy modo am-pimoromoroñañe ao ampara' i zaka amy andro jabajabaiy o anjely tsy nitañe ty nañorizañe iareo naho nifary i toe' iareo do'ey; 7 hambañe amy Sodoma naho i Gomora naho o rova nañohokeo, ie nivalijere an-karapiloañe nipay nofotse faly, vaho nanoeñe fandrazañañe, nafàtse ho lovilovieñe añ'afo ao kitro katroke.

8 Toe manahake izay iretiañe, ie mametaveta sandriñe amo anofisa' iareoo, mañarinje mpanandily, vaho mañinje o amam-bolonahetseo. 9 Fa ndra i Mikaela, talèn' anjely, ie nifañotak' amy mpañìnjey t'ie nifandietse amy fañòva' i Mosèy, tsy nahavany hanisý aze añ' endake, fa nanao ty hoe: Hitrevoha' t'i Talè †! 10 Fe mañìnje o raha tsy apota'e ondaty retiañe, naho o raha nifohi'e boak' an-trokeo, hoe biby tsy mitsakore, zay ty mahamomoke iareo. 11 Hankàñe am'iareo! Ie nitsile an-dala' i Kaina naho nifatrifatry nipay tambe ami'ty fandilara' i Balama vaho mirotsak' ami'ty fiola' i Kòra‡. 12 Ie vato-haran-driake mietak' amo sabadidam-pikokoa' areoo mitrao-pikama tsy aman-kembañe; tea haneñe avao; rahoñe tsy aman-drano, ahofahofan-tioke; hatae an-tsaramanty tsy mamoa, indroe mate, nombotañe reke-bahatse; 13 onjan-driake mivalitaboake mandoa voren-kameñarañe; vasiañe mirererere nañajàñe ieñe mimoromoroñe zafezanake.

14 Ie ondaty nitokie' i Enoke, faha-fito' i Dameo, ami'ty hoe: Heheke, mitotsak' etoa t'i Talè aman' aleale' o noro'eo, 15 hametsake zaka amy ze he'e, hañameloke ze tsi-aman-Kàke ty amo sata tsi-aman-Kàke nitoloñe' iareoo an-kaloloañeo, naho o tambaimbaiñe nanoe' i mpanan-kakeo tsi-aman-Kàke rezay ama'eo§. 16 Mpiñeoñeoñe iereo, mpaniñetiñe; mañorike o drao tsi-voka'eo; mivolam-pirengevohañe o vava'eo, mitsiriry laharañe, hañaramamoa'e.

17 Ie amy zao, ry rañetse, tiahio i saontsy nente' o Firàhe' i Talèntika Iesoà Norizañeio taoloy; 18 ie nitaroñe ty hoe: An-tsà honka'e, le hitoandratoandra an-kadrao tsy aman-Kàke o mpanivetìveo. 19 Ie mpampiriaria—mpañorike ty draon-troke, tsy amañ'Arofo.

20 F'inahareo, ry rañetse, ie mitomambao am-patokisañe miavake do'e naho mitalaho añamy Arofo-Masiñey, 21 tambozoro i fikokoan' Añaharey, itamao ty fiferenaiña' i Talèntika Iesoà Norizañey minday haveloñe nainai'ey. 22 Rambeso an-tretrè o ila'e mihañahañao. 23 Rombaho ty ila'e, isintono boak' añ' afo ao, ferenaiño an-kahembañañe ka o ila'eo, le hejeo ndra ty sikiñe nileore' o nofotseo.

24 Aa le ho amy mahatañ' anahareo tsy hitsikapy naho mahafitroatse anahareo ho tsy aman-kandra, an-kafaleam-bey mb' añatrefan' enge'e mb'eo, 25 Ho aman'

* 1:4 Mat 13:1-58, 1Te 2:1-17 † 1:9 Zek 3:2 ‡ 1:11 Mpz 1:7-11, Pe II 2:6-15 § 1:15 Enoka 1:9

Añahare tokañe mahihitse, Mpandrombak' antikañe*, ty engeñe naho volonahetse, fifeheañe vaho haozarañe, taolo' ze sa, henaneo vaho nainai'e donia. Amena.

* **1:25** Tovoño: añam' Iesoà Talèntika Norizañey,

# Bentatse

*Fiaolo Rehake*
1 Ty namentabentara' IESOÀ Norizañey, ie nitoloran' Añahare, hanoroa'e o
mpitoro'eo o tsy mahay tsy ho tendrek' anianio, le nampihitrife'e aman-Anjeli'e
ty hampahafohiñe i Jaona mpitoro'e. 2 Ie nitaroñe ze hene nioni'e amy tsaran'
Añaharey naho amy taro' IESOÀ Norizañey. 3 Haha ty mamaky ty tsaram-pitokiañe
toy am-palie naho o mitsendreñe vaho mañambeñe o misokitseo, fa an-titotse ty
andro.

*Fisalamañe naho Fitatañe*
4 I Jaona,
Ho ami'ty Fivory fito e Asia ao.
Hasoa ama'areo naho hanintsiñe boak' amy Ao, naho i Tao, vaho i Hitotsake eo
naho boak' amo arofo fito aolo i fiambesa'eio, 5 naho boak' am' IESOÀ Norizañey, i
valolombeloñe migahiñey, ty valoha'e nasamak' amy havilasiy, toe i Talèm-panjaka'
ty tane toiy[*].
Ho amy Mpikoko naho nañaha antikañe amo hakeon-tikañeo amy lio'eiy, 6 vaho
nanoe'e mpanjaka naho mpisoroñe aman' Añahare, Rae'e. Aze ty engeñe naho ty
haozarañe nainai'e donia! Amena. 7 Hehe, t'ie mitotsake eo
mindre amo rahoñeo[†];
kila fihaino ro hahaisak' aze,
naho o nitombok' azeo,
vaho hangoihoia' ze hene foko' i Taney[‡]. Ie zay! Amena. 8 Zaho ty A naho Z[§], hoe t'i
TALÈ Andriananañahare, i Eo naho i Teo vaho i ho Aviy, i Tsitongerèñey.

*Ty Nanahake i Ana'Ondatiy* 9 Zaho, toe rahalahi' areo, Jaona, mpitraoke amy
haloviloviañey naho amy fifeahañe vaho fahaliñisañe amy IESOÀ ao, ro tan-tokonose
atao Patmo, ty amy tsaran' Añaharey naho ty amy taro' i IESOÀy. 10 Ie tañ' Arofo ao
amy andro ra'elahy zay vaho nahatsanoñe ty fiarañanañañe nipazake hoe antsiva[*]
ambohoko ao 11 nanao ty hoe, Patero am-boke ao ze isa'o le ahitrifo mb'amo Fivory
fito rezao: mb'amy Efesosy naho mb'amy Smirna naho mb'amy Pergamosy naho
mb'amy Tiatira naho mb'amy Sardisy naho mb'amy Filadelfia vaho mb'amy Laodikia.
12 Nitolike raho hahatreavako i fiarañanañañe nisaontsy amakoy; aa naho nitolike
le nahatrea menorà[†] volamena fito[‡], 13 naho an-teñateña' i fitongoàn-jiro rey ey ty
nanahake i Ana' Ondatiy[§] nisikiñe lamba nahatakatse o fandia'eo vaho nisadiam-
bolamena añ'arañа'e eo[*]. 14 Nifoty hoe volon' añondry foty o maroin' añambone'eo,
vaho hoe afo miroborobo o fihaino'eo. 15 Nihoe torisìke nikotriñeñe, natranak' an-
toñake ao, o fandia'eo[†], le nanahake ty fitromoron-drano maro i fiarañanaña'ey[‡];
16 naho am-pità'e havana ao ty vasiañe fito, le niboake am-palie'e ao ty fibara masioñe
sambe-lela'e[§], vaho nanahake ty fireandrea' i àndroy te tsipinde mena ty lahara'e.
17 Ie nitreako, le nibabok' am-pandia'e eo hoe mate, vaho natongoa'e amako ty fità'e
havana, nanao ty hoe: Ko hemban-drehe. Zaho ro Valoha'e naho ty Fara'e[*], 18 vaho i
Veloñey; toe nikenkan-draho, fe heheke, veloñe nainai'e donia! Amena. Vaho amako
o lahin-dakilè' i Tsikeokeokey naho i Havilasio. 19 Aa le sokiro o niisa'oo, o eoo, vaho

[*] **1:5** Its 10:17, Sabo 136:3 [†] **1:7** Dan 7:13 [‡] **1:7** Zek 12:10 [§] **1:8** A naho Zede : Gr: Alfa naho Omega;
Heb: Alef naho Tav (Gen 1:1) [*] **1:10** Grika: trompetra (le hoe zay iaby) [†] **1:12** Menorà: fitongoàn-jiro, fito
ty jiro'e [‡] **1:12** Zek 4.2-3 [§] **1:13** Dan 7:13 [*] **1:13** Dan 10:5 [†] **1:15** Dan 10:6 [‡] **1:15** Iek 1:24, 43:2
[§] **1:16** Ben 2:16; Ies 49:2, Heb 4:12 [*] **1:17** Ies 44:6, 48:12

o mbe hifetsakeo. 20 Ty tafatoño' i vasiañe fito nioni'o an-kavanako eo rey, naho i
fitongoàn-jiro volamena fito rey: toe anjeli' i Fivory fito rey i vasiam-pito rey, vaho
Fivory fito i fitongoàn-jiro fito rey.

# 2

### *Efesosy*

1 Ho amy anjelim*-Pivorin-te Efesosiy, sokiro: Inao! ty tsarae' i mitañe i vasiañe
fito rey am-pitàn-kavana'e, ie midraidraitse anteñateña' i fitongoàn-jiro fito reiy.
2 Fantako o sata'oo, ty fitromaha'o naho ty fifeaha'o, naho te tsy leo'o o tsereheñeo,
naho nitsohe'o o mieva ho Firàheñe fa tsieo vaho nioni'o te remborake. 3 Toe nivave'o
naho nifeake, naho nitoroñe'o i añarakoy vaho tsy nikolempa. 4 Fe inao ty andierako
azo: nifarie'o ty fikokoa'o valoha'e. 5 Tiahio arè ty ha'abo nikapotraha'o! Misolohoa,
naho anò o nanoe'o am-baloha'eo, tsy mone homb'ama'o aniany raho hanintake i
fitongoàn-jiro'oy amy toe'ey, naho tsy ibaboha'o. 6 Fe zao ty ama'o, t'ie malaiñe
ty sata' o Nikolaitao†, toe hejeko ka. 7 Ze aman-dravembia, mijanjiña ty taro' i
Arofoy amo Fivorio, le ze maharebake, ro hitolorako hikama amy hataen-kaveloñe
anteñateñan-tanen-kavelon' Añaharey‡.

### *Smirna*

8 Ho amy anjeli' i Fivorin-te Smirnay, sokiro: Inao ty tsarae' t'i Valoha'e naho i
Fara'ey§, i nivilasy fa nibodan-ko veloñey:
9 Apotako o fitoloña'oo naho i faloviloviañey vaho ty hararaha'o, (toe mpañaleale
rehe); naho ty fiteratera' o mieva ho mpitan-Kake fa tsie, te mone fivori' i mpañìnjeio.
10 Ko hembañe amo hampisoañañ' azoo. Ingo, fa hajo' i mpañijey am-pandrohizañ'
ao nahareo hitsohañe; naho ho sareraheñe folo andro. Migahiña pak'an-kavilasy
vaho hatoloko azo ty sabakan-kaveloñe.* 11 Ze aman-dravembia, mijanjiña ty taro' i
Arofoy amo Fivorio. Tsy hizò voiñe amy havilasy faha-roey† ze maharebake.

### *Pergamosy*

12 Ho amy anjeli' i Fivory e Pergamo aoy, sokiro: Hoe ty taro' i amam-pibara sambe-
lela'e masioñey.
13 Apotako o fitoloña'o naho ty fimoneña'o am-pitoboham-pifehea' i mpañìnjey
ao; fe tambozòre'o ty añarako vaho tsy napo'o i fatokisañ' ahiy ndra tañ' andro' i
Antipasy valolombeloko migahiñey, ie vinono añ'ila' areo am-pimoneña' i mpañìnjey
ao. 14 Fe inao ty tsy ampe hilierako: te ama'o ao ty mitañe ty fañòha' i Balama
nañoke i Balaka hampipoke vato fitsikapiañe aolo' o nte-Israeleo hikamà' iareo o
nisoroñañe aman-tsamposampoo vaho hañarapilo. 15 Toe ama'o ka o mitañe ty
fañòha' o Nikolaitaoo—ie hejeko. 16 Misolohoa! Tsy mone hivovò ama'o, naho hialy
am'iereo amy fibara am-bavakoy. 17 Ze aman-dravembia, mijanjiña ty taro' i Arofoy
amo Fivorio. Ze maharebake, ty hanjotsoako amo mana mietakeo, naho hatoloko
aze ty vato foty, vaho nisokireñe amy vatoy ty tahinañe vao tsy fohiñe naho tsy i
mandrambe azey.

### *Tiatira*

18 Ho amy anjeli' i Fivory e Tiatira aoy, sokiro: Hoe ty tsara' i Anan' Añahare,
i amam-pihaino mirebareba hoe afo naho amam-pandia hoe torisìke nikotriñeñe‡.
19 Fantako o sata'oo, naho i fikokoañey naho i fiatrafañey, naho i fatokisañey naho o
fitoroña'oo, vaho te soa ta o tam-baloha'eo o am-para'eo. 20 Fe inao ty tsy ampeampe

---

* 2:1 Ndra irake, (and. 8, 12, 18 ka) † 2:6 Nikolaita: sata' i Balame: fañarapiloañe, fitalahoañe ami'ty andro
tsie. ‡ 2:7 Fot 2:9, 3:22,24; Ben 22:2,14 § 2:8 Ies 44:6, 48:12 * 2:10 Ies 63:16, 64:8, Rom 9:25-26 † 2:11
Ben 20:6,14 ‡ 2:18 Dan 10:5-6

atreatreko azo, t'ie mitrao-drehake amy Jezebela, rakemba; ie mieva ho mpitoky naho
mañoke naho mampitsile o mpitorokoo hañarapilo vaho hikama o nisoroñañe aman-
tsamposampoo. [21] Ie nampalalaheko hisoloho amo hakarapiloa'eo, fe nifoneña'e
tsy hibaboke. [22] Ingo arè t'ie hafetsako an-tihy, naho mb' an-kaloviloviam-bey o
mpifandia-tihy ama'eo, naho tsy isolohoañe o sata'iareoo, [23] vaho havetrako ami'ty
angorosy o ana'eo, hahafohina' o hene Fivorio te zaho ro mpitsikarak' arofo naho
vetsevetse, vaho songa hitolorako ty amo sata'eo.
[24] Fe hoe raho ama'areo naho amo sehanga'e e Tiatirao, o tsy mitañe i fañòhañe zay,
naho tsy mahafohiñe ze o atao raha miheotse amy mpañinjey zao, ty amy isaontsia'
iareoy: tsy hampijinieko kilankañe hafa nahareo, [25] fe tambozoro o hanaña' areoo
ampara' te avy raho. [26] Ze maharebake naho mahambeñe o fitoloñakoo pak'am-
pigadoña'e, ty hitolorako lily amo kilakila' ndatio§, [27] le ie ty hañarak' iareo an-kobay
viñe, (ho demodemoheñe hoe valàñe tane iereo*) manahak' i rinambeko aman-
dRaekoy, [28] vaho hatoloko aze i Fanjirik' àndroy. [29] Ze aman-dravembia, mijanjiña ty
taro' i Arofoy amo Fivorio.

## 3

### *Sardisy*

[1] Ho amy anjeli' i Fivory e Sardisy aoy, sokiro: Hoe ty taro' i aman' arofon' Añahare
fito rey naho i vasiañe fito reiy. Apotako o sata'oo, te aman-tahinañe t'ie veloñe te
mone nibanìtse. [2] Mijilova! Haozaro o raha sisao, ie antitotse ho momoke, amy te tsy
nirendreko te heneke am-pivazohoan' Añahareko o sata'oo. [3] Tiahio arè o rinambe'o
naho jinanji'oo, le ambeno vaho isolohò. Inao ho pok'eo hoe mpamaoke raho! Haha
ty mitao naho mañambeñe o saro'eo tsy mone mihalo am-pañaveloa'e, hahaisahañe
ty fimeñara'e*. Aa naho tsy mijilo rehe le hisodehañako hoe malaso vaho tsy ho fohi'o
ty ora hivotrahako. [4] Toe ama'o ka ty tahinañe tsy ampe e Sardisy ao ze tsy nandeotse
o saro'eo. Ie hitrao-dia amako hisarom-poty fa mañeva.
[5] Aa le ze maharebake, ie ro haombe sarom-poty, le tsy ho fòrako amy boken-
kaveloñey ty tahina'e, fe hiantofako añatrefan-dRaeko naho aolo' o anjeli'eo i
tahina'ey. [6] Ze aman-dravembia, mijanjiña ty taro' i Arofoy amo Fivorio.

### *Filadelfia*†

[7] Ho amy anjeli' i Fivory e Filadelfia aoy, sokiro: Hoe ty enta' i Masiñey, i
vantañey, i aman-dahin-dakile' i Davidey; i manokake le tsy eo ty handrindriñe, naho
mandrindriñe vaho tsy eo ty hanokake‡. [8] Fantako o sata'oo. Hehe, nampijadoñeko
añatrefa'o ty lalañe misokake, tsy eo ty haharindriñe aze; toe aman-kaozarañe kede
rehe, fe nambena'o o volakoo vaho tsy nitety ty añarako. [9] Heheke, hengaeko boak'
am-pivori' i mpañìnjey, o mieva ho mpitan-Kake fa tsieo, te mone mpandañitse—
hampiatrefako azo, hibàbok' am-pandia'o eo, le ho fohi' iereo te ihe ty nikokoako.
[10] Aa kanao nitana'o i taroko ty amy fahaliñisañey, le ho tanako rehe tsy hiatreke
i oram-pisombeañe hifetsake ami'ty voatse toiy, hitsoke o mpimoneñ' an-tane atoio.
[11] Heheke! ho avy aniany raho, vontitiro ze ama'o, tsy mone ho tavaneñe i sabakam-
bolonahe'oy.
[12] Hanoeko fahañe añ'anjomban' Añahareko ao ze maharebake, ie tsy hiakatse ao
ka, naho hisokirako ty tahinan' Añahareko§ naho ty añara' i rovan' Añaharekoy,
Ierosaleme vao hizotso hirik' andindìñe eñe boak' aman' Andriananañahareko añe;
vaho ty añarako vao. [13] Ze aman-dravembia, mijanjiña ty taro' i Arofoy amo Fivorio.

§ **2:26** Sab 2:8 * **2:27** Sab 2.9 * **3:3** Boak'amy Ben 16:15 † **3:6** Ies 56: 1-7 ‡ **3:7** Ies 22:22 § **3:12** Ies 56:5

*Laodikia*
14 Ho amy anjeli’ i Fivori’ i Laodikiay, sokiro: Hoe ty enta’ i Amena*, ty
valolombeloñe migahiñe naho tò, ty Fifotoram-pamboaran’ Añahare†. 15 Apotako
o sata’oo, te tsy manintsiñe, tsy mae. Ninoko t’ie nanintsiñe he te nimae! 16 f’ie
kanao boka, tsy manintsy tsy mae, le haporitsako boak’ am-bavako ao, 17 ami’ty
atao’o ty hoe: Mpañaleale raho; nitoaboram-bara‡ vaho tsy mipay inoñ’inoñe; fe tsy
apota’o te mavoivoy naho voretra naho rarake naho goa vaho miboridañe. 18 Itoroako
te hivily amako ty vola-mena nitsohañ’afo§, hampañaleale azo, naho lamba foty
hanikinañe azo, soa tsy haboake ty hameñaram-piboridaña’o, vaho aoli-maso hatevo
o fihaino’oo, hahaisake. 19 Hene endahako naho lafaeko o kokoakoo, aa le mahimbaña
vaho misolohoa*. 20 Intoy raho! Mijohañe an-dalañe eo mitrehentrehe. Ndra ia’ia
mahajanjiñe ty feoko naho manokake i lalañey, le hizilike mb’ama’e ao raho hitrao-
pikama ama’e, vaho ie amako.
21 Hatoloko amy ze maharebake t’ie hitrao-piambesatse amako amy fiambesam-
pifeheakoy, manahake te zaho naharebake ro mindre fiambesatse aman-dRaeko am-
piambesam-pifehea’e ao. 22 Ze aman-dravembia, mijanjiña ty tsara’ i Arofoy amo
Fivorio.

# 4

*Fitalahoañe Andindìñe ao*
*(Isa 6.1-3)* 1 Ie añe, le nañente, vaho naheoko ty lalañe nisokake andindìñe
ey, vaho nanao ty hoe amako i fiarañanañañe hoe antsiva* tsinanoko am-baloha’e
nitsara amakoy: Mañambonea mb’etoa, hitoroako ze tsy mahay tsy ho avy henane
zao.
2 Nitojo amako t’ie añ’arofo, naho inge te nijadoñe an-dikerañe ey ty fiambesatse,
vaho eo t’i niambesatse amy fiambesatsey. 3 Hoe vato jaspy† naho karneola5 i
niambesatsey naho niarikatoke i fiambesatsey ty àvañe hoe emarode6 te isaheñe.
4 Niariseho i fiambesatsey ty fiambesam-pifeheañe roapolo efats’amby naho amy
fiambesatse rey ty androanavy roapolo efats’ amby misaroñe lamba foty, le
añambone’ iareo eo songa an-tsabaka volamena. 5 Niboak’ amy fiambesatsey
ty helatse nitsipelatse naho fikorokodoiñañe naho fiparapapiahan-kotroke; vaho
nirebareba añatrefa’ i fiambesatsey eo ty jiro fito, i tio-fiton’Añaharey. 6 Añatrefa’
i fiambesatsey eo ty riake fitaratse, hoe kristaly, naho añivo eo vaho mañohoke i
fiambesatsey ty raha veloñe efatse atse-pihaino aolo’e naho amboho’e.
7 Manahake ty liona i raha veloñe valoha’ey‡, le manahake ty bania ty raha veloñe
faha-roe le hoe amam-binta’ ondaty i raha veloñe faha-teloy vaho hoe vantio mitiliñe
i raha veloñe fah’efatsey§. 8 Songa aman’ elatse eneñe* i raha veloñe efatse rey, atse-
pihaino añ’ariseho aze naho añate’e ao, ie tsy mitroatse handro an-kaleñe manao ty
hoe:
Masiñe, masiñe, masiñe
t’i Talè Andrianañahare Tsitongerèñey†,
i teo, naho eo, vaho ho aviy.
9 Ndra mbia’ mbia te mandrenge naho miasy vaho mañandriañe i miambesatse
amy fiambesatseiy—i veloñe nainai’e doniay—i raha veloñe rey, 10 le mibabok’
añatrefa’ i miambesatse amy fiambesatseiy i androanavy roapolo efats’ amby rey
mitalaho amy veloñe nainai’e doniay, vaho mañifike o sabakam-bolonahe’ iareoo
añatrefa’ i fiambesam-bolonahetsey, manao ty hoe:

* **3:14** amena: ie zay † **3:14** Kol 1:15; Heb 1:6, Rzs 8: 22-32 ‡ **3:17** Hos 12:8 § **3:18** Sab 19:10, 119:72, 127, Rzs 30:5 * **3:19** Rzs * **4:1** Ben 1:10, Mat 24: 31, Te 4:16, Ko 15:52 † **4:3** Jaspy: vatosoa mena, ndra mavo tanora ‡ **4:7** Dan 7:4 § **4:7** Iek 1:10 * **4:8** Ies 6:2 † **4:8** Ies 6:3

11 Mañeva rehe, ry Talè,
ty handrambe engeñe,
naho hasiñe, naho haozarañe[‡],
amy te Ihe ro namboatse ze halifora'e,
naho an-tsatri'o ty maha-eo iareo vaho t'ie namboareñe.

# 5

*Ty Boke-peleke naho ty Vik'añondry*

1 Le nitreako an-kavana' i miambesatse amy fiambesatseiy ty boke-peleke misokitse
añ'ate'e naho alafe'e[*], linite fitomboke fito. 2 Nitreako ka ty anjely fanalolahy,
nitsey am-piarañanañañe mafe ty hoe: Ia ty mañeva hanokake i boke-pelekey naho
hampipoñake o fitombo'eo? 3 Fe leo raik' andindìñe ey tsy nahasokake i boke-
pelekey ndra hahaisake aze, ndra an-tane, ndra ambane tane ao. 4 Aa le nangoihoy
ty tañy raho amy te tsy tendreke ty mañeva hanokake naho ty hamaky i bokey
ndra ty hahaisake aze. 5 Le nanao ty hoe amako ty raik' amy androanavy rey: Ko
mirovetse! Hehe, te i Liona, tarira' i Joda Vaha' i Davidey[†] ty nandreketse[‡] naho
mahasokake i boke-pelekey naho i fitombo'e fito rey. 6 Le naheoko te ingo nijohañe
an-teñateña' i fiambesatsey naho i raha veloñe efatse rey vaho i androanavy rey eo
ty vik' añondry hoe linenta, aman-tsifa fito vaho maso fito, i Arofon' Añahare fito
niraheñe hanitsike ty tane toiy. 7 Nimb'eo re nandrambe i boke-pelekey am-pitàn-
kavana' i miambesatse amy fiambesatseiy. 8 Aa ie nandrambe i boke pelekey, le
nibabok' añatrefa' i Añondriy i raha veloñe efatse rey naho i androanavy roapolo
efats' amby rey, songa nitañe marovany naho fitavonañe volamena pea ty emboke—o
halali' o noro'eoo. 9 Le nitakasy sabo vao ami'ty hoe:
Mañeva azo ty mandrambe i boke-pelekey
naho hampipoñake o fitombo'eo,
amy t'ie linenta,
vaho ty lio'o ro nahavili' aiñe
anay ho an'Andrianañahare,
boak' amy ze hene foko naho fameleke
naho tariratse vaho fifeheañe; 10 naho nanoe'o fifeheañe naho mpisoroñe
ho an'Andrianañahare'ay zahay,
hifehe an-tane atoy[§]. 11 Le nitreako, naho tsinanoko amy zao ty fiarañanañan' anjely
maro niarikoboñe i fiambesatsey naho i raha veloñe rey naho i androanavy
rey, ale añ'ale naho arivo añ'arivo ty ia'e, 12 songa nampipoña-peo ami'ty hoe:
Mañeva i Añondry linentay,
ty handrambe lily
naho vara naho hihitse
naho ozatse naho hasiñe
naho engeñe vaho sitra! 13 Le tsinanoko ze hene namboareñe andindìñe ey naho
an-tane atoy naho ambane' ty tane toy ao, naho an-driak' añe, vaho ze he'e
am'iereo ao nanao ty hoe amy miambesatse amy fiambesatseiy naho amy Vik'
añondriy:
Tata naho hasiñe naho engeñe
vaho fifeheañe nainai'e donia! 14 Le tinoi' i raha veloñe efatse rey ty hoe: Amena!
vaho nibaboke eo i androanavy rey, nitalaho.

‡ **4:11** Fi I 29:11 * **5:1** Iek 2:10 † **5:5** Fot 49:9-10, Heb 7:14 ‡ **5:5** Ies 11:1, 10 § **5:10** Dan 7:18-27

# 6

*O Fitombokeo*

1 Nitreako te pinoña' i Vik' añondriy ty raik' amy fitomboke fito rey, le tsinanoko ty
raik' amy raha veloñe efatse rey nanao am-peon' àmpiñe ty hoe: Akia! 2 Nañente le
naheoko te inge ty soavala foty*! le nitàm-pale ty mpiningitse ama'e naho nitoloran-
tsabaka vaho nionjom-beo hoe mpandrebake handrebake.
3 Ie nampipoñake i fitomboke faharoey, le inay ty raha veloñe faha roe, nanao
ty hoe: Akia! 4 le niakatse ka ty soavala mena†, naho nitoloran-dily i mpiningitse
ama'ey hañakatse ze atao hanintsiñe an-tane atoy, hifanjamañe, vaho nitolorañe
fibara jabajaba.
5 Ie nampipoñake i fitomboke fahateloy, le tsinanoko i raha veloñe fahateloy
nikoike ty hoe: Akia! Naheoko te, ingo ty soavala mainte‡. Nitintiñe balantsy am-
pità'e§ i mpiningitse ama'ey. 6 Le tsinanoko ty fiarañanañañe añivo' i raha veloñe
efatse rey nanao ty hoe: Bogady* raike ty †kapoa-barem-bazaha, naho bogady raike‡
ty vare hordea telo kapoake, vaho ko joieñe ty menak' oliva naho ty divay. 7 Ie
nampipoñake i fitomboke fah'efatsey, le inao, nikoike ty hoe i raha veloñe fah'
efatsey: Akia! 8 Naheoko te inge ty soavala fosaposatse§, naho Havilasy* ty añara'
i mpiningitse ama'ey, vaho nañorik' aze t'i Tsikeokeoke. Le nomean-dily ami'ty
fahaefa' ty tane toy iereo hanjamañe am-pibara, naho an-kasalikoañe naho am-
pamongorañe, vaho amo biby hako' ty tane toio†.
9 Ie nampipoñake i fitomboke faha limey, le nitreako ambane' i kitreliy ty arofo'
o vinono ty amy tsaran' Añaharey naho i entañe nitaroñe' iereoio. 10 Le nipazake
am-piarañanañañe mafe ty hoe: Pak' ombia? ry Talè masiñe naho to, t'ie hifoneñe
tsy hizaka o mpimoneñe an-tane atoio hamale-fate ty lio'ay? 11 Le songa nitolorañe
saroñe mireparepa foty, naho nitaroñañe t'ie hitofa heike, ampara' te heneke o ho
vonoeñe manahake iereo amo mpitrao-pitoroñeo vaho amo longo' iareoo.
12 Le naheoko t'ie nampipoñake i fitomboke fah' eneñey, heheke ty ozoñozon-tane
jabajaba, naho nikò-mainte hoe lamba-gony am-bolon-ose i àndroy, naho nivalike
hoe lio i volan-dorisay, 13 vaho niponaponak' an-tane o vasian-dikerañeo, hambañe
ami'ty fihintsaña' o sakoañe loaseñeo t'ie hozongozoñen-tiobey. 14 Nifampiria
hoe boke-peleke nipelepeleheñe i likerañey, vaho naveve boak' amo toe'e iabio
o vohitseo naho o tokonoseo. 15 Le songa nietak' am-po lakato naho am-bato
ambohits'ao, o mpanjaka' ty tane toio naho o ana-donakeo naho o mpañalealeo,
naho o mpifeheo naho o maozatseo naho ze hene ondevo naho midada, 16 nanao ty
hoe amo vohitseo naho amo vatoo: Miambotraha ama'ay naho ampietaho‡ ami'ty
lahara' i miambesatse am-piambesatsey naho amy fifomboa' i Vik' añondriy, 17 amy
te tondroke ty sa ra'elahin-kaviñera' iareo vaho ia ty hahafijohañe?

# 7

*Jiosy 144.000*

1 Ie añe, le nitreako ty anjely efatse nijohañe an-kotso efa' ty tane toy, nikalañe
ty tiok' efa' ty tane toy, tsy hitiofa' i tiokey ty an-tane atoy ndra amy riakey ndra
amy ze hatae. 2 Nitreako ka ty anjely nionjoñe hirik' am-panjiriha' i àndroy eñe
ninday ty fitombon' Añahare-veloñe. Kinoi'e am-piarañanañañe mafe i anjely efatse
nitoloran-dily hijoy ty tane toy naho i riakey rey, ami'ty hoe: 3 Ko joie' areo hey ty

* **6:2** Zek 6:3 † **6:4** Zek 1:8, 6:2 ‡ **6:5** Zek 6:2 § **6:5** Iek 4:16 * **6:6** Denariosy: karama andro raike
† **6:6** Kapoake: Litatse: Kopy Bey ‡ **6:6** Karama andro raike § **6:8** Iek 6:3 * **6:8** Hos 13:14 † **6:8** Iek
5:12, 17, 14:13-19 ‡ **6:16** Hos 10:8

tane toy naho i riakey naho o hataeo ampara' te vinoli-fitombo'ay am-pelahandry*
o mpitoron' Añahareo. 4 Le tsinanoko ty ia' o viniloñe amy voli-fitombokeio, boak'
amy ze hene fifokoa' o ana' Israeleo le rai-hetse-tsi-efats'ale-tsi-efats' arivo. 5 O vinoli-
tombok' am-poko' i Jodao, 12 000

vinilo am-poko' i Robene: 12 000
vinilo am-poko' i Gade: 12 000 6 vinilo am-poko' i Asere: 12 000
vinilo am-poko' i Naftaly: 12 000
vinilo am-poko' i Manasè: 12 000 7 vinilo am-poko' i Simeone: 12 000
vinilo am-poko' i Levy: 12 000
vinilo am-poko' Itsakare: 12 000 8 vinilo am-poko' i Zebolone: 12 000
vinilo' am-poko' Iosefe: 12 000
vinilo am-poko'i Beniamine: 12 000

*ty Valobohóke boak'amy ze hene tane*

9 Ie añe, le naheoko te inge nizorazora aolo' i fiambesam-pifeheañey naho aolo'
i Vik' añondriy ty valobohòke mitozantozañe tsy lefe iaheñe, boak' amy ze hene
fifeheañe naho foko naho ondaty vaho fameleke, an-damba-foty mireparepa reketse
ran-tsatrañe am-pità'e, 10 nirihoñe am-piarañanañañe mafe ty hoe:

An'Andrianañaharen-tika
miambesatse amy fiambesatsey
naho amy Vik' añondriy ty fandrombahañe. 11 Le hene nizorazora, niariseho i
fiambesatsey naho i androanavy rey naho i raha veloñe efatse rey o anjelio,
vaho nibabok' an-daharañe añatrefa' i fiambesatsey iereo nitalaho aman'
Añahare, 12 ami'ty hoe:

Ie Zay! Sitra naho engeñe naho
hihitse naho fañandriañañe
naho hasiñe naho ozatse vaho hafatrarañe
aman'Andrianañaharen-tikañe
nainai'e donia. Amena! 13 Le hoe ty nañontanea' ty raik' amy androanavy rey: O
misaron-damba foty mireparepao, ia iereo, vaho boak'aia? 14 Hoe ty natoiko,
O androanavio, ihe ro mahafohiñe. Le hoe re tamako: O retoañe i niboak'amy
haloviloviam-bey heneheney rezay, le fa sinasa' iareo o saro-mireparepa'
iareoo vaho nampangotritriaheñe ami'ty lio' i Vik' añondriy. 15 Aa le:

Miatreke i fiambesan' Añaharey iereo,
mitoroñe aze añ'anjomba'e ao
handro an-kaleñe;
vaho halàma' i miambesatse
amy fiambesatseiy am'iereo
i kivoho'ey. 16 Tsy ho saliko ka naho
tsy mb'ia ho taliñiereñe, vaho
tsy hipisañe am'iereo i àndroy,
ndra ze hatrovohañe,† 17 amy te ho mpiarak' iareo‡ i Vik' añondry
añivo' i fiambesam-pifeheañeiy;
naho hiaoloa'e mb'an-drano veloñe
manganahana§ mb'eo,
vaho fonga ho faopaohen' Añahare am-pihaino'iareo
ze ranom-pihaino.*

* **7:3** Ben 9:4, 14:1, 22:4 † **7:16** Ies 49:10 ‡ **7:17** Iak 34:23 § **7:17** Iir 2:13, 17:13 * **7:17** Ies 25.8

# 8

*I Fitomboke faha fitoy*

1 Ie pinoña’ i Vik’ añondriy i fitomboke faha-fitoy, le nianjiñe an-tsasak’ ora i
andindìñey.
2 Le nitreako i anjely fito mpijohañe añatrefan’ Añahare rey t’ie nitolorañe antsiva
fito.
3 Pok’ eo ty anjely tovo’e nijohañe amy kitreliy eo nitañe ty fañembohañe
volamena, naho nitolorañ’ emboke maro hengae’e mitraok’ amo halali’ o noro’e
iabioo amy kitrely volamena añatrefa’ i fiambesatseiy, 4 vaho nionjoñe añatrefan’
Añahare boak’ am-pità’ i anjeliy ty hatoe’ i embokey, rekets’ o halali’ o noro’eoo.
5 Le rinambe’ i anjeliy i fañembohañey, naho natsafe’e afo boak’ amy kitreliy,
naho nafetsa’e an-tane atoy; le niparapapiahen’ àmpiñe reketse figorogodoiñe, naho
fibilobilon-kelatse vaho fanginikinihan-tane.

*O Antsivao*

6 Le nihentseñe hitioke i anjely fito nitintiñe i antsiva fito reiy.
7 Nitioke i anjely valoha’ey le pok’eo ty havandra naho afo miharo lio, ze nafetsak’
an-tane atoy, naho niforehetse ty faha-telo’ ty tane toy naho niforototo ty faha-telo’ o
hataeo vaho fonga nipiloreñe ze ahetse maindoñe.
8 Nitioke i anjely faharoey, le navokovoko an-driak’ ao ty raha jabajaba hoe vohitse
niroborobo’ ty afo, naho niova ho lio ty faha-telo’ i riakey 9 le nimate ty fahatelo’ o
raha veloñe an-driakeo, vaho nirotsake ty fahatelo’ o samboo.
10 Nitioke i anjely fahateloy naho niponake boak’ andindìñ’ ey ty vasiañe
jabajaba niforehetse hoe faìlo naho nidoñe ami’ty fahatelo’ o sakao vaho amo rano
manganahanao: 11 Le tsaraeñe te mañendrake ty añara’ i vasiañey, naho nivorehe’
i mañendrakey ty faha-telo’ o ranoo vaho maro t’indaty binaibai’ i ranoy ty amy
hafai’ey.
12 Nitioke i anjely fa’ hefatsey, le pinaoke ty fahatelo’ i àndroy, naho ty fahatelo’ i
volañey, naho ty fahatelo’ o vasiañeo, vaho naieñe ty faha-telo’ iareo; tsy nipisañe
ty andro ami’ty faha-telo’e, le nanao zay ka i haleñey*.
13 Le nitreako naho tsinanoko ty vantio nitiliñe an-teñateña’ i likerañey eñe nikoik’
am-peo mafe ty hoe: Hankàñe! Hankàñe! Hankàñe amo mpimoneñe an-tane atoio,
ie ho poñafe’ i antsiva ila’e ho tiofe’ i anjely telo reiy!

# 9

1 Nitioke i anjely faha limey, le nitreako ty vasiañe nigodoiñe an-tane eo hirik’
andindìñe ey, vaho natolotse aze ty lahin-dakilè’ i vovon-tsikeokeokey. 2 Sinoka’e
i tsikeokeokey, le niforoake hirik’ an-koboñ’ao ty hatoeñe hoe boak’ an-toñake
jabajaba. Nimaie’ i hatoeñe naporoa’ i Tsikeokeokeiy i àndroy naho i tiokey. 3 Le
niboak’ amy hatoeñey mb’an-tane atoy ty valala vaho nitoloran-dily hambañe ami’ty
lily amo halafia’ ty tane toio. 4 Nitsaraeñe te tsy ho joieñe ty ahets’ an-tane atoy,
ndra ze raha antsetra naho ze hatae, fa ondaty tsy minday i vilon’ Añaharey an-
dahara’e eo avao. 5 Le nimean-dily iereo tsy hanjamañe iareo, fa t’ie hampisoañeñe
lime volañe. Ty fanaintaiña’ iareo le ty fanaintaiña’ ty kalengo mamantike ondaty.
6 Hipay hikenkañe ondatio amy andro rezay, fe tsy hahaoniñe; hisalala hibanìtse, fe
handifiha’ ty havilasy.
7 Nanahake soavala veka’e hialy ty vinta’ i valala rey, naho hoe sabakam-bolamena
ty an-doha’ iareo vaho nanahake tarehe ondaty ty tarehe’ iareo. 8 Nanahake maroin-
drakemba ty volo’ iareo, vaho hoe nifen-diona ty nife’ iareo. 9 Hoe fikalañan’ arañañe

* **8:12** Avo 10:21, Ies 50:3, Iir 4:23-29, Zek 13:8, Ioe 2:10, 3:4, 4:15

viñe o fikala' iareoo, le nanahake ty fikorokodoin-tsoavalan-tsarete maro mioratse
mb'añ'aly ty fikofaokofaon' ela' iareo. 10 Hambañe amo kalengoo ty solo' iareo naho
minipoke; toe aman-dily hañehetse ondaty añate' ty lime volañe o solo' iareoo.
11 Amam-panjaka mifehe iereo, ty anjeli' i Tsikeokeokey: i Abadona ty añara'e ami'ty
Hebreo, naho Apoliona* ty añara'e ami'ty Grika.
12 Heneke i hankàñe raikey, Inao! fa hizo hankàñe roe henane zao.
13 Nitioke i anjely fah' eneñey, le tsinanoko ty feo boak' an-tsifa efa' i kitrely
volamena añatrefan' Añaharey 14 nanao ty hoe amy anjely fah' eneñe nitintiñe
i antsivaiy, Hahao i anjely efatse mirohy amy saka jabajaba Eofratay rey. 15 Le
navotsotse ty anjely efatse nihentseñeñe ho ami'ty ora naho àndro naho volañe vaho
taoñe, hanjamañe ty faha-telo' ondatio. 16 Ro'arivo-hetse ty iam-piningi-tsoavala
nirimboñe. Tsinanoko ty ia' iareo. 17 Zao ty vinta' o soavalao naho o mpiningitse
ama'e nitreako amy aroñaroñeio: amañ'afo naho manga antetse vaho vaton-tsolifara
o fikalañ' arañа' iareoo; naho hoe lohan-diona ty loha' o soavalao, naho miforoak'
am-bava' iareo ty afo naho hatoeñe vaho solifara. 18 Nanjamañe ty faha-telo' ondaty
an-tane atoy i telo rezay, i afoy naho i hatoeñey vaho i solifara niforoake boak' am-
bava' iareoy. 19 Amy te am-bava' o soavalao naho amo ohi'eo ty haozara' iareo; fa
hoe mereñe aman-doha'e, ty ohi' iareo le irezay ty fijoia' iareo.
20 Mbe tsy nisoloho amo satan-taña' iareoo o sehanga' ondaty tsy nizamane'
i angorosy rezaio; tsy nijihetse ami'ty filokolokoañe amo kokolampao naho amo
samposampo volamena naho volafoty naho torisìke naho vato vaho hataeo, ie
tsy mahatrea naho tsy mahatsanoñe vaho tsy mahilala†; 21 vaho tsy nibaboha'
iareo o fañohofan-dozao ndra o famorehañeo ndra o hakarapiloañeo ndra o
fampikamerañeo. Fa amo andro' i fiarañanaña' i anjely faha-fitoio, ie vaho hitioke i
antsivaiy, le ho heneke i tafatoñon' Añahare nitaroñe'e amo mpitoky mpitoro'eoy.‡

# 10

*Ty Anjely naho ty Boke-peleke Kede* 1 Nitreako ka ty anjely fanalolahy nizotso boak'
andindìñe ey, nisaron-drahoñe, naho añambone'e eo ty hàvañe, naho nanahake
i àndroy ty vinta'e, vaho hoe bodan' afo o fandia'eo; 2 nitintiñe boke-peleke
kedekedeke nisokake am-pità'e. Natroa'e ambone' i riakey ty fandia'e havana,
naho an-tane eo ty fandia'e havia, 3 vaho nipazak' am-piarañanañañe manahake
ty fitroñan-diona. Ie nikoike le nivolañe ka ty feon-kotroke fito. 4 Aa naho nivolañe i
àmpiñe fito rey, le ho nanokitse raho, fe tsinanoko ty fiarañanañañe boak' andindìñe
ey nanao ty hoe: Liteo i vinola' i àmpiñe fito reiy, le ko sokireñe. 5 Ie amy zay,
nañonjom-pitàn-kavana mb' andindìñe ey* i anjely nitreako nijohañe ambone' i
riakey naho an-taney, 6 nifanta amy veloñe nainai'e doniay†, amy namboatse o
likerañeo naho ze am' iereo ao naho ty tane toy rekets' o ama'eo naho i riakey vaho
ze ama'ey‡, ty hoe: Tsy ho roñoñe ka ty ora! 7.
8 Le nisaontsy amako indraike i fiarañanañañe tsinanoko boak' andindìñey, ami'ty
hoe: Akia, rambeso i boke-peleke misokak' am-pità' i anjely mijohañe an-driake ey
naho an-taney. 9 Aa le niheo mb'amy anjeliy mb'eo raho le nivolañako, hitolora'e i
boke kedey. Le hoe re tamako: Intoy, kamao§. Hampafaire'e ty fisafoa'o, f'ie ho mamy
hoe tantele am-palie'o ao. 10 Rinambeko am-pità' i anjeliy i boke kedekedekey vaho
nihaneko. Nireiko tave amy t'ie nimamy hoe tantele am-bavako ao*, f'ie nateleko le

* 9:11 Apoliona, Abadona: Mpandrotsake † 9:20 Sab 115:4-7, 135:15-17, Dan 5:23 ‡ 9:21 Nafindra boak' amy 10:7 * 10:5 Fot 14:22, Its 32:40 † 10:6 Dan 12:7 ‡ 10:6 Neh 9:6; Avo 20:11, Sab 146:6, Ben 4:11 § 10:9 Iek 2:1-10, 3:1-27 * 10:10 Iek 3:3

nafaitse ty troko. 11 Le hoe ty nitsara'e: Tsy mete tsy mitoky indraike rehe añatrefa'
ondatio naho fifeheañe naho fisaontsy vaho mpanjaka maro.

# 11

1 Tinolotse bararata hoe kobay fanjehean-draho, vaho nisaontsieñe ty hoe:
Miongaha, zeheo i kivohon' Añaharey naho i kitreliy vaho o mpitalaho aoo, 2 fe apoho
ty kiririsa' i anjombay, ko zehè'o fa natolotse amo kilakila ondatio. Ho lialiàñe efa-
polo ro' amby volañe i rova miavakey.

### *Ty Valolombeloñe Roe*

3 Le ho tolorako lily ty valolombeloko roe, hitoky arivo tsy roan-jato tsy enem-
polo andro misikin-gony. 4 Ie i hatae oliva roe* naho i fitongoàn-jiro roe mijohañe
añatrefa' i Talè' ty tane toy rey. 5 Naho eo ty te hijoy iareo, le miporoak' afo ty falie'
iareo hamorototo o rafelahi'eo. Aa ndra iaia ty te hanjevoñe iareo le tsy mete tsy
zay ty hampibanirañe aze. 6 Aman-dily hampikiteke i likerañey iereo tsy hahavia'
ty orañe amo andro hitokia' iareoo; vaho aman-dily amo ranoo hañova aze ho lio,
naho ty hampipaoke an-tane atoy ze fonga angorosy ndra mbia 'mbia satrie' iareo.
7 Ie heneke ty fitalilia' iareo, le hialia' i biby miakats' an-tsikeokeokey le handrebake
naho hañè-doza am' iereo, 8 vaho hapok' an-dala' i rova jabajaba razañeñe ty hoe
Sodoma naho Egipte amy nipehañe i Talè' iareoy ty fañòva' iareo. 9 Aa le handritse
telo andro naho tampa'e ty ila' ondaty naho rofoko naho fameleke vaho fifeheañe
hisamba i fañòva' iareo reio ie hifoneñe tsy handenteke iareo an-kibory. 10 Le
hitohàfa' ze fonga mpimoneñe an-tane atoy naho hifale vaho hifampitsaloke falalàñe
amy te nisamporerahe' i mpitoky roe rey o mpimoneñe an-tane atoio.
11 Ie ritse ty telo andro naho tampa'e, le nizilik' am' iereo ao ty Kofò-belon' Añahare
le nitroatse am-pandia, vaho nitsipike ty anifañe ze nahaisake iareo. 12 Nahajanjiñe
ty fiarañanañañe nipazake boak' andindìñe ey i roroey nanao ty hoe am' iereo:
Miambonea mb'etoy. Aa le nionjomb' andindìmb'eo mb'amy rahoñey iereo am-
pisamba' o rafelahi'eo. 13 Tamy oray avao ty fanginikinihañe jabajaba nampihotrake
ty faha-folo' i rovay. Ondaty fito-arivo ty nikoromak' amy fanginikinihañey le
nangebahebake o ila'eo, nañomey engeñe an'Andrianañaharen-dikerañey.
14 Añe i hankàñe faha-roey; Inao, fa ho tondroke ty faha-telo.

### *Ty Antsiva faha Fito*

15 Nitioke i anjely faha-fitoy le hoe ty fipoñam-piarañanañañe maro andindìñe ey:
Fa a' i Talèn-tikañey, toe i Noriza'ey
o fifehea' ty voatse toio henane zao,
ie ho fehe'e nainai'e donia†.
16 Aa le nibabok' an-daharañ' eo i androanavy roapolo-efats'amby mpiambesatse
am-piambesam-pifehea' iareo añatrefan' Añahare rey, vaho nitalaho aman' Andri-
anañahare, 17 nisabo ti-hoe:
Mañandriañe Azo zahay,
ry Talè Andrianañahare,
Tsitongerèñe,
I eo, naho teo,
amy te rinambe'o
o haozara'o jabahinakeo
vaho fa mifehe.‡
18 Nidabadoa o kilakila ondatio;§

* **11:4** Zek 4:3 † **11:15** Ben 12:10, Sab 2:8, 22:28 mbe mitohy ‡ **11:17** Tohi'e; Dan 2:44, 7:13-14, Oba 1:15-21, Kag 2:22, Zek 14:9 § **11:18** Sab 2:1

Fe tondroke ty haviñera’o,
naho ty androm-pizakañe o nivilasio naho ty androm-panambezañe
o mpitoro’o mitokio,
naho o noro’oo vaho
ze hene ondaty miasy ty tahina’o,
ndra ty bey ndra ty kede—
vaho ty handrotsake
o mpandrotsa’ ty tane toio.
19 Sinokak’ amy zao i kivohon’ Añahare andindìñey le tendrek’ amy kibohotsey
i vatam-pañina’ey, naho eo ty fibilobiloan-kelatse am-piparapapiahañe naho fiko-
rokodoiñan-kotroke naho ty fanginikinihan-tane vaho ty fañavandrañan-gadaboñe.

# 12

*Ty Rakemba naho i Fañaneñey*
1 Tendrek’ andindìñe eñe amy zao ty viloñe jabajaba: ty rakemba misaroñe i
àndroy, naho ambanem-pandia’eo i volañey vaho añambone’e eo ty sabaka amam-
basiañe folo ro’amby. 2 Nivesatse re le nikoiakoiak’ ami’ty fanaintaiñam-pitsongoa’e
vaho nañèñe te hisamake. 3 Le nisodehañe andindìñe eñe ty viloñe tovo’e: Inge ty
fañaneñe mena ra’elahy, aman-doha fito naho tsifa folo* vaho sabakam-pifeheañe
fito amy loha’e rey. 4 Piniopio’ ty ohi’e ty fahatelo’ o vasian-dikerañeo vaho
nahirirì’e mb’an-tane atoy. Le nijagarodoñe aolo’ i rakemba hisamakey i fañaneñey,
hampibotseke i ana’ey vata’e toly. 5 Le nisamak’ anadahy re†, ty lahilahy hifehe ze
hene tane an-kobay viñe‡; fe hinaoke mb’aman’ Añahare naho mb’amy fiambesa’ey
añe i Ana’ey. 6 Nibotatsake mb’am-babangoañe añe amy zao i rakembay mb’ami’ty
toetse hinalankan’ Añahare ho aze; le hatraheñe ao ampara’ te ritse ty andro arivo-
tsi-roanjato-tsi-enempolo.
7 Nipoak’ amy zao ty hotakotak’ andindìñe ey: nifandrapak’ amy fañaneñey t’i
Mikaele naho o anjeli’eo; namale amañ’aly ka i fañaneñey naho o anjeli’eo, 8 f’ie tsy
nahagioke, mbore tsy nanjoañe toetse andindìñe ao. 9 Nahifik’ ambane i fañaneñe
jabajabay—i fañaneñe haehae atao: devoly naho mpañìnjey, ie mampandridrìke ty
voatse toy iaby. Rinoake mb’an-tane atoy re, le nindre siniots’ ama’e o anjeli’eo. 10 Le
tsinanoko ty fiarañanañañe mafe andindìñe ao nanao ty hoe:
Fa totsake henaneo ty fandrebahañe
naho ty haozarañe
naho ty fifehean’ Añaharen-tikañe§,
vaho ty lili’ i Noriza’ey.
Amy te navokovoko ambane
ty mpanisý o roahalahin-tikañeo,
ie nanisia’e añatrefan’Añaharen-tika eo handro an-kaleñey,
11 Rineba’ iareo ami’ty lio’ i Vik’añondriy
naho ami’ty tsaram-pitaroña’ iareo;
tsy nikokoa’ iareo ty fiai’iareo
ndra te niatre-kavilasy.
12 Mirebeha arè ry likerañeo naho o mpimoneñe am’ iereoo!
Feh’ohatse an-tane atoy naho amy riakey,
fa nimb’ama’ areo ao i mpañìnjey!
lifo-pifombo, amy te apota’e
te tomotse o andro’eo.

---

* 12:3 Dan 7:7,8,20,24 † 12:5 Ies 26:17, 66:7; Mik 4:9-10 ‡ 12:5 Sab 2:9 § 12:10 Ben 11:15

13 Ie niisa' i fañaneñey te tafa-toke an-tane, le nisamporerahe'e i rakemba nisamake
i lahilahiy. 14 Fe tinolotse elatse roe boak' amy bantio ra'elahiy i rakembay, hitiliña'e
hisitak' an-tarehe' i fañaneñey mb' an-dratraratra añe mb'amy toe'e mb'eo; añe re ro
hatraheñe taoñe raike naho taoñe roe vaho vaki-taoñe*. 15 Le nafotroa' i fañaneñey
ty rano boak' amy montsili'ey hoe sorotombake hañoridañe i rakembay hasio'e amy
fisorotombahañey. 16 Fe nañolotse i rakembay ty tane toy naho sinoka' i taney ty
vava'e niteleñe i saka nafotroa' i fañaneñey hirik'am-bava'ey. 17 Akore ty fidabadoà'
i fañaneñey amy rakembay, kanao nionjoñe amy zao re hialy amo ana'e sisao—o
mañambeñe o lilin' Añahareo naho mitambozòtse ty taro' IESOÀ Norizañey. 18 Le
nijagarodoñe amy faseñe añ'olon-driakey re.

# 13

### *Ty Biby boak'An-Driak' ao*

1 Treako amy zao ty biby nitroatse boak'an-driak' ao, aman-tsifa folo naho loha
fito, naho nisampe amy tsifa'e rey ty sabakan'enge folo, vaho ninday añaran-
katerateràñe i loha'e rey. 2 Nanahake ty farasy i biby nanteakoy, naho hoe aman-
tombom-bera vaho hoe vavan-diona ty vava'e. Natolo' i fañaneñey aze ty haozara'e
naho ty fiambesam-pifehea'e vaho ty lily mitiotiotse, 3 le hoe pinaratsake ty loha'e
raike ho naha-valaenkañe aze, fe nijangañe i fere ho nahafatey, vaho fonga nañorike
i bibiy an-dàtsa ty voatse toy, 4 nitalaho amy fañaneñe nañomey lily i bibiy, mbore
niambane amy bibiy le nanao ty hoe: Ia ty mañirinkiriñe i bibiy? Ia ty hahafialy
ama'e?
5 Nomeam-bava re hivolambolañe firengeañe naho titse, vaho nomean-dily
hifehea'e volañe efa-polo-ro'amby; 6 aa le sinoka'e ty montsili'e niteratera an' An-
drianañahare, nañìnje ty tahina'e naho i kivoho'ey vaho o mpimoneñe andindìñeo.
7 Natolots'aze ty hialy amo noro'eo naho handrebake, naho ty lily hifehea'e ze hene
foko naho ondaty naho fameleke vaho fifelehañe. 8 Hene hiambane amy bibiy ze
mpimoneñe an-tane atoy, ze tsy misokitse amy boken-kavelo' i Vik' añondry vinono
am-pifotora' ty voatse toiy i tahina'ey. 9 Ze aman-dravembia, mijanjiña:
10 Ze hasese an-drohy
le mb'am-bahorañe añe ty haneseañe aze,
ze ho vonoe' ty fibara,
le am-pibara ty hampivetrahañe aze*.
Inao ty fahaliñisañe
naho ty fatokisa' o noro'eo.

### *Ty Biby Boak'an-Tane ao*

11 Naheoko te indroke ty biby tovo'e nidagarìtse boak' an-tane ao, aman-tsifa roe
hoe añondry f'ie nivolañe hoe fañaneñe. 12 Toloñe'e iaby o lili' i biby valoha'e
añatrefa'eio; fonga ampitalahoe'e amy biby valoha'e nanam-père ho nahafate
nimelañey ty tane toy naho o mpimoneñe ama'eo. 13 Le anoa'e viloñe jabajaba,
ie mampanjotso afo boak' andindìñe ey pak'an-tane atoy añ'atrefa' ondatio; 14 le
fitahe'e o mpimoneñe an-tane atoio amo viloñe natolots' aze hanoe'e añatrefa'
i bibiy, hanjizy o mpimoneñe an-tane atoio handranjy ty sare' i biby amam-
perem-pibara nibodan-ko veloñey. 15 Le nitoloran-dily hampikofòke ty sare' i
bibiy, hampivolañe i sarem-bibiy vaho hañohofa'e loza amy ze fonga mifoneñe tsy
hiambane amy sarem-bibiy. 16 Le hene ampitombohe'e viloñe am-pitàn-kavana'e
eo ndra an-dahara'e eo ty kede naho ty bey, o mpañalealeo naho o rarakeo, o

* **12:14** Dan 7:25, 12:7 * **13:10** Iir 15:2, 43:11; Fot 9:6; Dan 7:1-28 = Ben 13:1-13

fokonontsoao vaho ondevoo, 17 tsy hahavily ndra hahaletake naho tsy ama’e i viloñey,
ndra ty añara’ i bibiy, ndra ty ia’ i añara’ey. 18 Inao ty hihitse. Soa re te hamolily ty
ia’ i bibiy ty mahilala, amy t’ie ty ia’ ondaty, toe Enen-jato-tsi-enem-polo-eneñ’ amby
i ia’ey.

# 14

*I Añondry naho i 144.000 rey*

1 Le naheoko te indroy i Vik’ añondriy mijohañe am-bohi’ i Tsione ey, vaho ama’e
i rai-hetse-tsi-efats’ale-tsi-efats’ arivo minday i tahina’ey naho i tahinan-dRae’ey an-
dahara’e rey. 2 Le tsinanoko boak’ andindìñe añe ty feo hoe fitroñan-drano maro,
naho ty fivolan-kotroke mikorokodoiñe, vaho hoe feom-pititike mititike o marovani’
iareoo ka i feo tsinanokoy; 3 le nitakasie’ iereo sabo vao añatrefa’ i fiambesam-
pifeheañey naho añatrefa’ i raha veloñe efatse rey naho i androanavy rey, vaho
tsy eo ty nahafianatse i saboy naho tsy i rai-hetse-tsi-efats’ ale-tsi-efats’ arivo vinili-
aiñe an-tane atoy rey. 4 Tsy nandeo-batañe ami’ty ampela irezay, fa hahiringiri’e.
Mañorike i Vik’ añondriy iereo ndra aia aia ty ombà’e, ie jinebañe am’ondatio ho
loha-voa aman’ Añahare naho ho amy Vik’ añondriy. 5 Ie tsy nahaoniñam-bande
am-palie, vaho tsy aman-kila.

*Ty Anjely Telo*

6 Nitreako amy zao ty anjely tovo’e nitiliñe an-teñateñan-dikerañe eñe minday
i talili-soa tsy modoy, hitsey amo mpimoneñe an-tane atoio naho amy ze kila
fifeheañe naho foko naho fameleke vaho ondaty, 7 le hoe re am-piarañanañañe mafe,
Mañeveña aman’ Añahare vaho toloro engeñe, amy te tsatoke ty oram-pizakà’e.
Mitalahoa amy namboatse i likerañey naho ty tane toy naho i riakey vaho o rano
midoandoañeoy.*
8 Nanonjohy i anjeliy ty faharoe, nanao ty hoe: Rotsake! Rotsake i
Babolone† foloaingitrokey, i nampinoñe o kilakila’ ndatio ami’ ty divain-kadraon-
kakarapiloa’ey.
9 Nanonjohy iareo ty anjely tovo’e, ty fahatelo, nipoña-peo ami’ty hoe: Ndra ia
ia mitalaho amy bibiy naho amy sare’ey vaho mandrambe viloñe ke an-kandri’e he
an-taña’e eo, 10 le ie ka ty hinoñe ty divaim-pifombon’ Añahare an-keri’e do’e amy
fitovin-kaviñera’ey vaho ho samporeraheñe añ’ afo aman-tsolifara añatrefa’ o anjely
masiñeo naho aolo’ i Vik’ añondriy. 11 Le hionjoñe nainai’e kitro katroke ty hatoe’ i
fampisoañañ’ iareoy; tsy ho amam-pitofàñe ndra handro ndra haleñe o mitalaho amy
bibiy naho amy sare’eio, vaho ze mandrambe i vilo’ i añara’eiy. 12 Inay ty hifeaha’ o
noro’e ‡ am-patokisa’ IESOÀO; ie mpañambeñe o lilin’ Añahareo .
13 Le tsinanoko boak’ andindìñe ey ty fiarañanañañe nanao ty hoe: Sokiro: Haha
ze vilasy mivetrak’ amy TALÈ ao henane zao. Eka! hoe i Arofoy, hitofa amo fitoloña’eo
iereo, amy te mañorike iareo o fitoloña’ iareoo.

*Ty Fanatahañe* 14 Nañente raho le indroke ty rahoñe foty, naho niambesatse
amy rahoñey ty manahake i Ana’ Ondatiy§, añambone’e eo ty sabakam-bolonahetse
volamena, vaho am-pità’e eo ty fanatahañe masioñe. 15 Niavotse i kibohotsey ty
anjely raike nikoike am-peo mafe amy niambesatse amy rahoñeiy, ty hoe: Mamatsiha
amo fanataha’oo vaho manataha fa tondroke ty sam-panatahañe, amy t’ie matoe,
veka’e ho tataheñe ty voka’ ty tane toy. 16 Aa le nafatsi’ i niambesatse amy rahoñeiy
mb’an-tane atoy i fanataha’ey le tinatake ty tane toy.

* **14:7** Avo 20:11, 31:13,17 Viloñe † **14:8** Ies 21:9, Oni: Iir 51:8 ‡ **14:12** Ben 12:17 § **14:14** Dan 7.14

[17] Niavotse i kibohotse andindìñe eñey ty anjely tovo'e ninday fanatahañe masioñe
ka. [18] Niakatse boak'amy kitreliy ka ty anjely nanan-dily ami'ty afo, le kinanji'e
am-piarañanañañe mafe i amam-panatahañe masioñey, ty hoe: Mamatsiha amo
fanataha'o masioñeo vaho atontono o voaloboke mirokoroko am-bahe' ty tane toio,
fa ginoke o valobo'eo. [19] Aa le navio' i anjeliy mb' an-tane atoy i fanataha'ey le
natonto'e o am-bahe' ty tane toio vaho nafetsa'e amy fipiritan-divain-kaviñeran'
Añahare jabajabay. [20] Le linialia alafen-drova ao i fipiritan-divaiy vaho nidoandoañe
boak' amy fipiritan-divaiy ty lio nahafionjoñe pak' an-daboridi' o soavalao sikal'
ami'ty arivo-tsi-enen-jato stadione* añe.
†

# 15

[1] Le naheoko andindìñe ey ty viloñe tovo'e, ra'elahy naho nampañeveñe: ty anjely
fito minday ty feh' ohatse fito honka'e, ie ro mahaheneke ty haviñeran' Añahare.
[2] Le nitreako ty raha hoe riake fitaratse miharo afo, le niriñariña amy riake
fitaratsey o naharebake i bibiy naho i sare'ey vaho ty ia' i añara'eio, mitañe o
marovanin' Añahareo, [3] misabo i sabo' i Mosè mpitoron' Añaharey naho ty sabo'
i Vik' añondriy ami'ty hoe:
Foloaingitroke naho mahalatsa o sata'oo
ry TALÈ Andriananañahare, Tsitongerèñe.
To naho mahity o lala'oo,
ry Mpanjaka' o noro'oo.
[4] Ia ty tsy hañeveñe ama'o, ry TALÈ,
naho hibango ty tahina'o?
Amy te Ihe avao ro masiñe. Le homb'ama'o mb'eo ze hene
fifeheañe hitalaho añatrefa'o eo,
fa midodea o havantaña'oo*.

### *Ty Anjely Fito Minday Feh'Ohatse Fito*

[5] Ie añe le naheoko te nisokafeñe i kivoho an-kiboho' i Taroñe andindìñeiy.
[6] Niakatse i anjombay amy zao i anjely fito ninday feh' ohatse fito rey; misaroñe
leny mikotritriake, miloeloe naho nidian-tsikim-bolamena añ'arañа, [7] vaho natolo'
ty raik' amy raha veloñe efatse rey amy anjely fito rey ty finga volamena fito pea' ty
haviñera' i Andrinañahare veloñe nainai'e doniay. [8] Le nampoe' ty hatoe' i engen'
Añaharey naho i haozara'ey i kibohotsey, vaho tsy eo ty nahafizilik' amy kibohotsey
ampara' te niheneke i feh' ohatse fito' i anjely fito reiy.

# 16

### *Ty Fitovin-kaviñeran'Añahare*

[1] Le tsinanoko ty fiarañanañañe mafe boak' amy kibohotsey nanao ty hoe amy
anjely fito rey: Akia, adoaño amy taney i finga mitañe ty haviñeran' Añahare fito rey.
[2] Aa le nimb'eo i anjely valoha'ey, nandoveve i finga'ey an-tane atoy, vaho nifetsake
am'ondatio ty bae mangirifiry, mamolevole ze ninday ty vilo' i bibiy naho nitalaho
amy sare'ey. [3] Nañiliñe i finga'ey amy riakey ty anjely faharoe le niova ho lio, hoe
lion-dolo, vaho fonga nizamañe ze raha veloñe an-driak' ao. [4] Nampidoàla i finga'ey
amo sakao naho amo rano manganahanao ty anjely fahatelo, vaho nivalike ho lio
irezay. [5] Le tsinanoko i anjeli' o ranooy nanao ty hoe:
Vantan-dRehe, ry eo naho teo,
Ry Masiñey ami'ty fizakà'o

* **14:20** Henteo amy Jaona no. 6 eo † **14:20** Nafindra amy toko'e itoboha'e, aolo' i 17 eo ty 14. * **15:4** Iir
10:6-7, 86:9

o raha rezao, [6] fa nampiorihe' iereo ty lio' o noro'oo naho o mpitokio,
vaho nanjotsoa'o lio hinome' iereo
fa zay ty mañeva. [7] Le inay boak'amy kitreliy ty hoe:
Eka, ry TALÈ Andriananañahare,
Tsitongerèñey, vantañe naho to o fizakà'oo. [8] Nadoveve' i anjely fah' efatsey
amy àndroy i finga'ey, le nitoloran-dily hanodotse ondatio añ'afo. [9] Sinòda'
ty hatrovohañe ondatio fe hinotohoto' iereo ty tahinan' Añahare aman-dily
amy feh' ohatse rey; mbore tsy nisoloho hitolora' iareo engeñe. [10] Nadoa'
i anjely faha limey ami'ty fitoboha' i bibiy i finga'ey, le najoroboñe an-
kamoromoroñañe ao i fifehea'ey, ie nihota-lela an-kaloviloviañe, [11] vaho
namatse an' Andriananañaharen-dikerañe ty amy fangirifiria' iareo naho o baeo,
f'ie tsy nisoloho amo sata'eo [12] Nadoandoa' i anjely fah' eneñey amy saka
jabajaba Eofratay i finga'ey, le nimaiheñe o rano'eo hañajariañe lalañe hombà'
o mpanjaka boak' am-panjiriha' i àndroy añeo. [13] Le nitreako niboak' am-
bava' i fañaneñey naho am-bava' i bibiy vaho am-bava' i mpitoky sare'ey ao ty
fañahy raty telo hoe sahoñe, [14] fañahin-kokolampa mpanao viloñe tsitantane;
mionjoñe mb' amo mpanjaka' ty tane-bey toio iereo, hanontoñe iareo hialy
amy andro jabajaban' Añahare Tsitongerèñeiy. [15] *. [16] Le natonto' iareo
an-tane atao an-tsaontsy Hebreo ty hoe: Har'magedòñe† eo. [17] Naili' i faha-
fitoy amo tiokeo i finga'ey, le niboak'an-kibohotse ao ty fiarañanañañe mafe
hirik'amy fiambesatsey nipazake ty hoe: Fonitse zay! [18] le inay ty fibilobilon-
kelatse naho feo naho fikorokodoiñan-kotroke, vaho ty fanginikinihan-tane
jabajaba naho ra'elahy kanao tsy teo ty nanahak' aze boak' am-pifotora'
ondaty an-tane atoy. [19] Nivaki-telo i rova ra'elahiy, naho nirotsake o rova'
o fifeheañeo, naho nitiahieñe añatrefan' Añahare i Babolone Jabajabay
hanjotsoa'e ty fitovy pea' i divain-kalevelevean-kaviñera'ey. [20] Songa nirimatse
añe o tokonoseo naho tsy nioniñe ka o vohitseo. [21] Le nihorodoboke boak'
andindìñe ey ty havandra gadaboñe sindre talenta raike nilantsidantsiñe
am'ondatio, kanao namàtse an' Andriananañahare ty amy hankàn-kavandray
ondatio ami'ty halosora' i feh' ohatsey.

# 17

### *Ty Rakemba Miningitse ami'ty Biby*

[1] Nomb' amako mb'eo ty raik' amy anjely fito amam-pinga fito rey nanao ty
hoe: Mb' etoañe, hitoroako ty zaka hifetsak' amy tsimirirañe folo-ay mitobok' amo
rano marooy, [2] i nanoa' o mpanjaka' ty tane toio hakarapiloañe naho nahamamo
o mpimone' ty tane toio amy divain-kakarapiloa'eiy*. [3] Le nindese' i anjeliy añ'
arofo mb'an-dratraratra añe raho. Le nitreako ty rakemba niningitse ami'ty biby
mena mañabasà, àtseke ty añaram-piterateràñe, aman-doha fito naho tsifa folo.
[4] Nisaroñe lamba malò-mavo naho mena mañabarà i rakembay vaho nihamineñe
volamena naho vatosoa naho hange, vaho an-taña'e ao ty fitovy volamena pea
hativañe milaro ty haleoran-katsimirira'e†. [5] Nipatereñe am-pela-handri'e eo ty
añarañe, toe tafatoño:
Babolone Jabajaba, Renen-Tsimirirañe naho o raha tiva' ty tane toio. [6] Le naheoko i
rakembay te jike ami'ty lio' o noro'eo naho ami'ty lio' o ninday ty taro' IESOÀo,
aa ie nisambaeko, le niloho latsa. [7] Le hoe i anjeliy tamako: Inoñ' o ilatsà'oo?
Hatoroko azo ty raha mietak' amy rakembay naho ty amy biby aman-doha fito

---

* **16:15** Nampolieñe amy 3:3 ao toy. † **16:16** Vohi-pizamanañe; ty nandreketa' i Debora i Sisera naho i valobohò'ey * **17:2** Iir 51:7 † **17:4** Iek 23:33

naho tsifa folo minday azey. 8 I biby nitrea'oy le teo, fa tsy eo, vaho fa hiakatse
boak' an-tsikeokeok' ao mb' am-pirotsaha'e mb'eo. Hahalatsa o mpimoneñe
an-tane atoy tsy pinatetse amy boken-kaveloñe tam-pifotora' ty voatse toio, ‡t'ie
hahaisake i biby teo naho tsy eo vaho mbe ho aviy. 9 Inao ty itsakoreañe an-
kihitse: I loha fito rey ro vohitse fito § iambesara' i rakembay, 10 naho mpanjaka
fito, fa nihotrake ty lime, eo ty raike, mbe tsy niavy ty raike; fa ie avy, le tsy
mahay tsy ho eo betebeteke. 11 I biby teo, fa tsy eoy; ie ty mpanjaka faha valo,
mireketse amy fito rey, vaho mb'am-pirotsahañe ao. 12 I tsifa folo niisa'o rey,
le mpanjaka folo mboe tsy nandrambe fifeheañe, f'ie mahazo lily ho mpanjaka
mindre amy bibiy ora raike. 13 Raike ty firefea' iareo vaho hatolo' iareo amy
bibiy ty haozarañe naho ty lili' iareo. 14 Hialy amy Vik' añondriy iareo, fa
ho rebahe' i Vik' añondriy, amy te Ie ro Talèn-drotompo* naho Mpifehem-
panjaka, le kinanjy naho jinoboñe vaho migahiñe o mpiama'eo. 15 Le hoe
re tamako: O rano niisa'o itoboha' i tsimirirañeio, le ondaty naho valobohòke
naho fifeheañe vaho fameleke. 16 Le i tsifa folo niisa'o amy bibiy rey ro halaiñe
i tsimirirañey, hampidoñ' aze ho vahiny naho miboridañe; habotse' iereo ty
nofo'e vaho hamorototo aze añ'afo. 17 Fa nentoen' Añahare añ' arofo' iareo ty
hañeneke i satri'ey, naho hitrao-drehake vaho hanolotse ty fifehea' iareo amy
bibiy ampara' te heneke o saontsin' Añahareo. 18 I rakemba niisa'oy, le i rova
jabajaba mifehe o mpanjaka' ty tane toio.

# 18

*Ty Firotsaha'i Babolone*

1 Añe zay le nahatrea anjely tovo'e nizotso boak' andindìñe añe aman-dily ra'elahy
vaho nihazavae' ty enge'e ty tane toy. 2 Le nikoihe'e am-piarañanañañe mafe ty hoe:
Rotsake! Rotsake t'i Babolone Jabajaba*!
ie fa akiban-kokolampa henaneo, naho
lakato' ze fonga anga-draty, vaho
zoho' ze hene voroñe maleotse naho mampangorý. 3 Fa hene ninoñe amy divain-
kadraon-
kakarapiloa'ey ze kilakila ondaty.
naho fonga niolots' ama'e
o mpanjaka' ty tane toio,
vaho nitampe-draha irieñe
o mpanao balibali' ty tane toio
amy halosoran-katea-mena'ey. 4 Tsinanoko ka ty fiarañanañañe boak' andindìñe ey
nanao ty hoe:
Miengà ama'e ry ondatiko, tsy
hitraok' amo hakeo'eo,
naho tsy handrambe o angorosi'eo†; 5 fa mitoabotse pak'andindìñe ey o tahi'eo vaho
tiahin' Añahare o sata-rati'eo. 6 Ondroho ama'e mira ami'ty natolo'e;
le avaho ama'e in-droe' o fitoloña'eo;
vaho trobotrobò in-droe
i fitovy nilaroe'ey. 7 Ampanahafo ami'ty nienge'e naho ty
fierañerañan-tro niaiña'e,
ty samporerahañe naho anahelo
hatolotse aze.
Inao ty fisengean-tro'e :

‡ **17:8** Dan 12:1 § **17:9** amam-bohitse fito: Roma * **17:14** Its 10:17 * **18:2** Ies 21:9 † **18:4** Iir 51:6, 9, 45; Iir 50:8, 13, 28

Miambesatse raho
fa mpanjaka-rakemba,
Tsy vantotse,
vaho tsy hahatrea fioremeñañe. [8] Aa le hivovo ama'e añ' andro raike o hankà'eo: ty angorosy, ty hòntoke, vaho ty kerè,
le ho hotomomohe' ty afo;
amy te maozatse i TALÈ Andrianañahare
mizaka azey. [9] Ie isa' o mpanjaka' ty tane toio, ie nifandia-tihy ama'e naho nimpitraok' amy fiagaregaña'ey, ty hatoe' i fanodorañ' azey, le hangolololoike ty tañy naho handala, [10] hizorazora eroan-koe am-pirevendreveñañe i sarerahañ' aze, hanao ty hoe:
Hoy hoy abey, Ry rova jabajaba! I Babolone rovan-kaozarañey!
le ora raik' avao te pok'eo ty fizakañ'azo. [11] Mirovetse naho mandala aze o mpampibalibali' ty tane toio, amy te tsy eo ka ty hikalo o kilanka' iareoo:
[12] entañe volamena naho volafoty naho vatosoa naho hange, le leny marerarera naho malo-mavo, le lande naho mena mañabarà, naho ze karazan-katae malàñe, naho ze fanake aman-tsifan-drimo‡, naho ze fanake aman-katae sarotse, le torisìke naho viñe naho vato sanga; [13] le kanely§ naho fampafiriañe naho soli-pañosorañe naho rame le divay naho solik' oliva, le mona'e naho vare-bolè le añombe naho añondry; le soavala naho sarete le ondevo vaho fiai' ondaty. [14] Nisitak' azo o voka-tsoa nirìen-tro'oo, naho nihànkañe ama'o, tsy ho isa'o ka ze atao tave naho o raha fiain-taneo. [15] Hañarafiake eñe o nanao balibalike amy raha rezaio, o nimpañaleale ty ama'eo, am-pirevendreveñañe amy halovilovia'ey, le hangoihoy ty rovetse vaho handala [16] ty hoe:
Hoy! Hoy! i rova ni-ra'elahiy,
nisaron-deny marerarera malo-mavo
naho mena mañabarañe,
vaho niragorago volamena
naho vatosoa vaho hange! [17] fa ora raik' avao ty nahakafoake
o vara beio!
Nitrobàke eñe ze fonga mpinjon-dakañe naho ze hene mpañavelo an-tsambo naho o mpiandriakeo naho ze fonga mitoloñe amy riakey, [18] songa nipazapazake ty hoe t'ie nanjò ty hatoe' i sinodotsey:
Aia ka ty hañirinkiriñe i rova jabajaba zay? [19] le nampibobò deboke añambone'e, naho nangoihoy ty rovetse vaho nitoreo ty hoe:
Hoy! Hoy, I rova foloaingitrokey!
ze nampañaleale ze nanan-tsambo
an-driak' añe añamy vara'ey!
amy te ora raik' avao
ty nampikoahañ' aze! [20] Irebeho ry likerañeo!
naho ry noro'e naho Firàheñe
vaho mpitokio!
Inahareo ro nizakàn' Añahare aze. [21] Ie amy zao, rinambe' ty anjely fanalolahy ty vato bey hoe vato-fandisanañe jabajaba, le navokovoko'e an-driake eñe nanao ty hoe:
Zay ro handretsahañe i Babolone
rova jabajabay ambane tsy ho oniñe ka. [22] Le tsy ho janjiñeñe ama'o ao ka
ty feo' o mpititike marovanio,
naho o sairio,

‡ **18:12** toe tsifa' ty elefanta (biby jabajaba) § **18:13** kanely: holi-katae mañitse fampifiriañe

naho o mpitioke soly naho antsivao,
naho tsy ho trea ama'o ka
ze mpitsene an-satam-pitàñ'inoñ'inoñe,
vaho tsy ho janjiñeñe ama'o ao ka
ty fikosaokosaom-bato fandisañe. 23 le tsy hiiloilo ama'o ao ka
ty hazavàm-pailo,
mbore tsy ho janjiñeñe ama'o ao ka
ty fifañòhahohà' i engavaoy
naho i mañengay;
ni-fanalolahy an-tane-bey atoy
o mpanao balibalik' ama'oo,
amy te nampikalitahe' o famoreha'oo
o fifeheañeo,
24 naho ama'e ao ty nahatendrehañe
ty lio' o mpitokio naho o noro'eo,
vaho ze hene vinono an-tane atoy*.

# 19

*Haleloia*
1 Añe irezay le tsinanoko ty fipoñafam-peom-balobohòke andindìñe ao, nirihoñe
ty hoe:
Haleloia*!
Fandrombahañe naho enge,
naho haozarañe
ho an'Andrianañaharen-tikañe 2 amy te mahity naho vantañe o fizakà'eo†,
le fa nafà'e i tsimiriräñe jabajaba
nandeotse ty tane toy
amo hakarapiloa'eoy
vaho navale'e ama'e
ty lio' o mpitoro'eo‡. 3 Nindrai' iereo ty hoe:
Halelo-Ia!
Hihobobòke nainai'e donia o hatoe'eo. 4 Songa nibaboke naho nitalaho aman'
Andrianañahare mpiambesatse amy fiambesa'ey i androanavy roapolo-efats'
amby rey naho i raha veloñe efatse rey, nanao ty hoe:
Amena, Haleloia! 5 Le niboak' amy fiambesatsey ty fiarañanañañe nanao ty hoe:
Rengeo t'i Andrianañaharen-tikañe
ry mpitoro'e iabio, naho o mañeveñe ama'eo, ndra ty kede ndra ty bey!§
6 Tsinanoko amy zao ty nanahake feom-balobohòke, nanahake ty fitroña'
ty rano misorotombake naho nanahake ty fiparapapiahan' àmpiñe ra'elahy,
nanao ty hoe:
Haleloia! Fa mifehe t'i TALÈ
Andrianañahare, Tsitongerèñe. 7 Antao hifale naho hirebeke vaho hanolots' engeñe
ama'e!
Fa tsatoke ty enga-vao' i Vik'añondriy,*
vaho fa nihamiñe i enga-vao'ey,† 8 le natolotse aze ty hiombea'e leny marerarera
mikinokinoke mitoratsike.
Toe o satan-kavañona' o noro'eoo i leny marerareray.‡ 9 Le hoe re tamako: Patero:
Haha o ambarañe ho mb'amy sabadidam-panambalia' i Vik' añondriio! Le hoe re

* 18:24 Mat 23:30, Lke 11:50 * 19:1 Heb: aleloia: jejò t'IEHOVÀ † 19:2 Sab 19:9 ‡ 19:2 Its 32:43 § 19:5 Sab 115:13 * 19:7 Mat 22:1-12 Toe an-Tane † 19:7 Ies 61:10 ‡ 19:8 Mat 22:11-14

amako: Tsara ton' Añahare zay. [10] Le nibabok' am-pandia'eo raho niambane. Fe hoe
re: Mitaoa! Mpitrao-pitoroñe ama'o naho amo longo'o mitañe ty taro' IESOÀo raho.
Mitalahoa aman' Añahare! Amy te arofom-pitokiañe ty fitaroñañe IESOÀ.

*Ty Mpiningitse Soavala Foty* [11] Le naheoko te nisokake i likerañey naho niheo
mb'etoa ty soavala foty, naho kanjieñe ty hoe Migahiñe naho To i mpiningitse ama'ey
naho an-kavantañañe ty fizaka'e vaho fialia'e§. [12] Hoe afo misotratràke o fihaino'eo,
naho sabakam-bolonahetse maro ty añambone'e eo. Sinokitse ama'e ty tahinañe
tsy fohi' ondaty naho tsy ie*. [13] Misikin-damba mireparepa nalipotse an-dio re, le
atao Tsaran' Añahare i tahina'ey†. [14] Nañorik' aze an-tsoavala foty o lahin-defon-
dikerañeo nisaron-deny marerarera mitoratsike mikinokinoke.‡ [15] Miakats'am-
palie'e ty fibara masioñe§ hañatsake o kilakila ondatio, le ho fehè'e an-kobay viñe.*
naho ie ty mandialia ty fipiritan-divaim-piforoforon-kaviñeran' Añahare, Tsi-
tongerèñey. [16] Misokitse an-tsaro'e eo naho am-pe'e eo ty hoe:
Mpanjakam-panjaka naho Talèn-talè.

*Ierosaleme Vao Ikz 48.30-35* [17] Le naheoko ty anjely nijohañe amy àndroy nikoike
am-piarañanañañe mafe amy ze hene voroñe mitiliñe an-teñanteñan-dikerañe ty
hoe: Mb' etoy, mitontona amy sabadidake jabajaban' Añaharey, [18] hitimpoñe ty
nofom-panjaka, naho ty nofo' o mpifehen-dahin-defoñeo naho ty nofo' o fanalolahio
naho ty nofon-tsoavala naho o mpiningitse ama'eo naho ty nofo' ze hene ondaty,
ty ondevo naho ty midada, ty kede vaho ty bey.† [19] Le nitreako te nifanontoñe hialy
amy miningitse soavalay naho amy firimboña'ey i bibiy naho o mpanjaka' ty tane toio
naho o fifañosoña' iareoo. [20] Le tsinepake i bibiy naho nindre ama'e i mpitoky sare'e
nanao viloñe tsitantane añatrefa'e naho namañahy o nandrambe ty vilo' i bibiy vaho
nitalaho amy sare' eioy. Navokovoko veloñe amy antara mirebareba afo manodotse
solifaray ao ie roe, [21] le vinono amy fibara miakatse am-palie' i mpiningitse soavalaiy
o ila'eo, vaho nahaetsake o voroñe iabio ty nofo' iareo.

# 20

*Arivo Taoñe*
[1] Le naheoko ty anjely nizotso boak' andindìñe ey nitañe ty lahin-dakilen-
tsikeokeoke naho am-pità'e ty silisily jabajaba. [2] Tsinepa'e i fañaneñey, i
mereñe jabajaba haehaey, i atao devoly naho mpañìnjey, vaho rinohi'e arivo
taoñe. [3] Najorobo'e an-tsikeokeok' ao re le vinarindri'e naho vinoli-tombohe'e, tsy
hamañahy o kilakila ondatio ampara' te heneke i arivo taoñey. Ie añe le tsy mahay tsy
hahàñe betebeteke. [4] Le nahatrea fiambesatse maro* raho, naho niambesarañe, vaho
nomean-dily hizaka; nitreako ka ty arofo' o kinitsike ty amy fitaliliañe IESOÀ naho i
tsaran' Añahareio, ie tsy nitalaho amy bibiy ndra amy sare'ey vaho tsy nandrambe
i vilo'ey an-dahara'e ndra am-pità'e, le nibodan-ko veloñe vaho niharo nifehe amy
Norizañey arivo taoñe. [5] (Fe tsy nitroatse ho veloñe hey o nivilasy ila'eo naho tsy
nipeake i arivo taoñey.) Ie ty fivañonan-ko veloñe valoha'e. [6] Haha naho masiñe ze
aman' anjara amy fivañonan-ko veloñe valoha'ey, toe tsy anaña' i havilasy faharoey
lily, fa ho mpisoron' Añahare naho i Norizañey, hitrao-pifehe ama'e arivo taoñe.

*Hankà' i mpañìnjey*

§ **19:11** Top 10:42 * **19:12** Ben 2:17 † **19:13** Jao 1:1, 14 ‡ **19:14** Ben 19:7 8 § **19:15** Ies 49:2 * **19:15** Sab 2:9 † **19:18** Isa 56:9; Eze 39:4; Mat 24:28; Lke 17:37 * **20:4** Ben 19:14

7 Ie modo i arivo taoñe zay, le ho hahàñe boak'an-drohy ao i mpañìnjey 8 vaho
hiakatse hamañahy ze fifeheañe an-joro-efa' ty tane toy—i Goga naho i Magoga†—
hanontona'e hialy. Mira amo faseñe añ'olon-driakeo ty ia'iareo. 9 Nionjoñe
mb'ambone' ty treha' i Taney iereo nañarikoboñe ty tobe' o noro'eo naho i rova
kokoañey. Fe nidoiñe boak' andindìñe ey ty afo nampibotseke iareo. 10 Le
navokovoko amy antara-afo aman-tsolifaray i mpañìnje namañahy iareoy, hatraoke
amy bibiy naho i mpitoky sare'eiy, vaho halovilovy handro an-kaleñe nainai'e kitro-
katroke.

*Fizakañe o Nihomakeo*

11 Le nahatrea fiambesam-pifeheañe foty jabajaba naho i Mpiambesatse ama'ey
raho. Nibotatsake nisitak' i lahara'ey ty tane toy naho i likerañey, ie tsy nanjoañe
toetse ka. 12 Le nahatrea o nikoromakeo, ty bey naho ty kede, nizorazora añatrefa' i
fiambesatsey, vaho sinokake o bokeo; sinokake ka ty boke raike, i boken-kaveloñey,
vaho zinaka ty amo sinokitse amo bokeoo ty amo sata'eo o nivilasio.

13 Nafoe' i riakey o vilasy ama'eo, le naloa' i Havilasy naho i Tsikeokeokey o vilasy
am'iereoo, vaho zinaka, songa ty amo fitoloña'eo. 14 Navokovoko amy antara afoy ao
ty Havilasy naho i Tsikeokeokey. Ie i havilasy faharoey‡: i antara-afoy. 15 Le nafetsak'
amy antara afoy ze tsy nioniñe sinokitse amy boken-kaveloñey ao.

# 21

1 Le nahatrea likerañe vao naho tane vao* raho, fa songa nimosaoñe añe i
likerañe valoha'ey naho ty tane valoha'e toy, ie tsy aman-driake. 2 Le nahatrea i
Rova Miavakey, Ierosaleme vao, nizotso hirik' andindìñe añe boak' aman' Añahare,
hinalankañe hoe enga vao soa hamiñe, ho a i vali'ey. 3 Le tsinanoko ty fiarañanañañe
mafe boak' amy fiambesatsey nanao ty hoe: Ingo te am'ondatio ty kivohon'
Añahare, ie hitrao-pimoneñe am' iereo; ho ondati'e iereo naho ho am' iareo ao t'i
Andriananañahare ho Andriananañahare' iareo†, 4 naho ho faopaohe'e am-pihaino' iareo
ze atao ranomaso, naho tsy ho aman-kavilasy ka, ndra fandalàñe, ndra firovetañe
ndra fangirifiriañe, fa nimosaoñe añe o raha taoloo.

5 Le hoe i Mpiambesatse amy fiambesatseiy: Heheke, kila vaoeko. Hoe ka re:
Patero, fa añoñe naho to o tsara zao. 6 Le hoe re tamako: Fa heneke! Zaho i A naho
i Zedey, i Fifotorañey naho i Figadoñañey. Hazotsoko tsy amam-bili'e boak' amy
ranon-kaveloñe migoangoañey ze taliñiereñe. 7 Ho lovae' ty maharebake irezay, le
ho Andriananañahare'e raho vaho ho anako re. 8 Fe o mahimahiñeo naho o tsi-miatoo
naho o lo-tserekeo naho o mpañoho-dozao naho o mañarapiloo naho o mpamorekeo
naho o mpiato am-pahasiveo vaho ze hene haremborake ro hanañ' anjara amy antara
manodotse an-tsolifaray ao. Zay ty havilasy faharoe.

9 Le nimb'eo ty raik' amy anjely fito nitam-pinga fito pea i hankàñe fito honka'e
rey nisaontsy amako, nanao ty hoe: Mb'etoa, hatoroko azo ty enga vao, ty vali' i
Vik' añondriy. 10 Le nendese'e añ'arofo mb'am-bohitse jabajaba naho mitiotiotse
añe, naho natoro'e ahy i rova miavakey, Ierosaleme mivotrake hirik' andindìñe ao
boak' aman' Añahare, 11 aman' engen' Añahare, vaho hoe vato saro-bily, hoe vato
jaspy nikantsokantsoñe hoe kristaly ty hazava'e. 12 Ama'e ty kijoly ra'elahy naho abo
reketse lalam-bey folo ro'amby, naho anjely folo ro'amby amy lalam-bey rey, vaho
pinatetse am' iereo ty tahina' i foko folo-ro'ambi' i ana' Israele reiy‡. 13 Telo ty lalam-
bey atiñanañe, naho telo ty lalam-bey avaratse, naho telo ty lalam-bey atimo, vaho

† **20:8** Iek 38:2 ‡ **20:14** Ben 2:11, 20:6, 21:8 * **21:1** Ies 65:17, Oni: Ies 66:22; Iir 31:33, Iek 37:27, Fi 6:18
† **21:3** Sor 26:11-12; Oni: Ies 7:14, 8:8,10, Iir 31:33, Iek 37:27, Fi II 6:18 ‡ **21:12** Iek 47:22-23, 48:31-34

telo ty lalam-bey ahandrefa. 14 Le fahañe folo ro'amby ty ioreña' i kijoli' i rovaiy,
naho am'iereo i tahinañe folo-ro'ambi' i Firàheñe folo-ro' ambi' i Vik' añondriy reiy.
15 Le amy nisaontsy amakoy ty kobay fanjeheañe volamena, hanjehe i rovay naho
o lalam-bei'eo vaho i kijoli'ey. 16 Nalahatse ho efa-mira i rovay vaho mira ty andava'e
naho ty am-pohe'e. Zinehe'e amy kobaiy i rovay le 12 000 stadione, mira ty andava'e
naho ty am-pohe'e vaho ty haabo'e. 17 Le zinehe'e i kijoliy, kiho zato tsy efapolo efats'
amby am-panjehea' ondaty—fa zay ty norihe' i anjeliy. 18 Le vato jaspy ty firafi' i
kijoliy naho volamena ki'e hoe fitaratse mikantsonkantsoñe i rovay. 19 Le nihamine'
ze hene karazam-bato soa ty faha' i kijoli' i rovaiy. Jaspy ty faha' i valoha'ey, safira
ty faharoe, kalkedona ty fahatelo, emerode ty fah' efatse, 20 sardoniksa ty faha lime,
karnelia ty fah' eneñe, krisolita ty faha-fito, berila ty faha valo, topaze ty faha sive,
krisopraso ty fahafolo, jakinta ty fahafolo-raik' amby, ametista ty fahafolo-ro' amby.
21 Le hange folo-ro'amby i lalam-bey folo ro'amby rey, sindre hange raike i lalam-bey
rey, vaho volamena ki'e hoe fitaratse mangarahara o lalan-drovao.
22 Tsy nahatrea toetse miavake ao raho, amy te i TALÈ Andrianañahare, Tsi-
tongerèñey, naho i Vik' añondriy ro kiboho'e. 23 Le tsy paia' i rovay hipisañe ama'e
i àndroy ndra i volañey, fa hazavae' ty engen' Añahare; vaho i Vik' añondriy ro
failo'e. 24 I hazavà'ey ro hañaveloa' o rinombake amo fifeheañeo§, vaho hinday o
volonahe'eo mb'ama'e o mpanjaka' ty tane toio. 25 Tsy harindriñe ka o lalam-beio te
antoandro, amy te tsy ho aman-kaleñe ty ao, 26 vaho hindeseñe mb'ama'e mb'eo ty
engeñe naho ty asi' o fifeheañeo, 27 le tsy mb'ia hizilik' ao ndra inoñ' inoñe maleotse
ndra o mpanao hativàñeo ndra o mpandañitseo*, fa o misokitse am-boken-kavelo' i
Vik' añondrio† avao.

# 22

*I Sakan-Kaveloñey*

1 Le natoro'e ahy i saka aman-dranon-kaveloñey, mikantsokantsoñe hoe kristaly
mikararake boak' am-piambesan' Añahare naho amy Vik' añondriy, 2 añivo' i
damokey naho añ'olotse roe' i sakay ty hataen-kaveloñe mamoa karazam-boa folo
ro'amby, naho mamoa am-bolañ' am-bolañe, vaho aoly mahajangañe o kilakila'
ondatio o rave' i hataeio. 3 Le tsy ho amam-pàtse ka, naho ama'e ao i fiambesan'
Añahare naho a i Vik' añondriy, vaho hitoroñe aze o mpitoro'eo, 4 ho isa' iereo
ty lahara'e vaho ho am-panda' iareo i tahina'ey 5 Toe tsy ho aman-kaleñe ty ao,
naho tsy ho paiaeñe ty jiro ndra ty hazavà' i àndroy, amy te hireandreaña' i TALÈ
Andrianañahare, vaho hifehe nainai'e donia iereo.
6 Le hoe re tamako: Migahiñe naho to o tsara zao. Fa nañitrik' i anjeli'ey t'i
TALÈ Andrianañahare' o arofom-pitokio, hanoro o mpitoro'eo o raha an-titotse ho
tendrekeo. 7 Inao! ho avy aniany raho! Haha ty mañambeñe o entam-pitokia' ty
boke toio.

*Figado'e naho Tata*

8 Zaho Jaona, ty nitsanoñe naho nahatrea irezay; aa ie nahatsanoñe naho nahatrea,
le nibaboke hitalaho am-pandia' i anjely nanoro ahy irezaiy. 9 Fa hoe re tamako:
Ko manao zao! mpitrao-pitoroñe ama'o naho amo rolongo mpitokio vaho amo
mañambeñe o tsara' ty boke toio raho. Mitalahoa aman' Añahare!
10 Le hoe re tamako: Ko litèa'o ty tsaram-pitokiañe ami'ty boke toy*, fa an-titotse
ty àndro. 11 Adono hitolon-kakeo ty mpanao hakeo naho hitoloñe an-kaleora'e ty
maleotse, naho mbe hanao ty hahiti'e o mahitio; vaho hitàn-ty fiavaha'e o noro'eo.

§ **21:24** Ies 60:3 * **21:27** Ben 22:15, Te 2 2:11 † **21:27** Dan 12:1 * **22:10** Dan 12:4

12 Inao! ho avy aniany raho! vaho amako o tambekoo, hañavahako ondatio, songa
ty amo sata'eo†. 13 Zaho i A naho Zedey, ty valoha'e naho ty fara'e, i fifotorañey naho
i figadoñañey. 14 Haha o mañambeñe o lili'eo‡, fa hanan-dily amy hataen-kaveloñey,
naho hahazilike amo lalam-bein-drovao.§ 15 Alafe ao o amboao naho o mpamorekeo
naho o karapiloo naho o mpamonoo naho o mpilolok' an-tsamposampoo vaho ze
mikoko vande naho o bodiakeo*.
16 Zaho, Iesoà, ty nañitrike i anjelikoy hitaroñe irezay ama'areo, ho amo Fivorio.
Zaho i vahatse naho tarira' i Davidey†, i Mpitarik' andro mireandreañey.
17 Manao ty hoe i Arofoy naho i Enga Vaoy: Mb'etoa! Le ano ty hoe ry mijanjiñeo:
Mb'etoa! le ampombao mb'etoa ty taliñiereñe; vaho adono hanovy amy ranon-
kaveloñe tsy amam-bili'ey ze manàtry.
18 Inao ty hatahata'ay amy ze mijanjiñe o tsaram-pitokiañe ami'ty boke toio, ie
anovoñañe, le hatovon' Añahare ama'e o feh' ohatse misokitse ami'ty boke toio,
19 naho anintoñañe ty tsara' ty bokem-pitokiañe toy, le ho sintonen' Añahare ama'e
ty anjara'e amy hataen-kaveloñey naho amy rova miavakey, ty amo sinokitse ami'ty
boke toio.
20 Hoe ty mitaroñe iretoañe: Eka! homb'eo masìka raho. Amena.
Mb'etoa ry Iesoà Talè. 21 Ty hasoa' Iesoà Talè ho ama'areo iaby. Amena.

† **22:12** Mat 16:27, Jao 5:29 ‡ **22:14** Mat 19:17 § **22:14** Ie taolo te natambatse o boke ami'ty Heneke toy, le ie ty andine'e toy ty amy Tertoliane (CE 208) naho i Sipriane (CE 251) * **22:15** Ben 21:27, Te II 2:11 † **22:16** Ies 11:1, 10, Ben 5:5